

Vezo: Bible for 1 Chronicles, 1 Corinthians, 1 John, 1 Kings, 1 Peter, 1 Samuel, 1 Thessalonians, 1 Timothy, 2 Chronicles, 2 Corinthians, 2 John, 2 Kings, 2 Peter, 2 Samuel, 2 Thessalonians, 2 Timothy, 3 John, Acts, Amos, Colossians, Daniel, Deuteronomy, Ecclesiastes, Ephesians, Esther, Exodus, Ezekiel, Ezra, Galatians, Genesis, Habakkuk, Haggai, Hebrews, Hosea, Isaiah, James, Jeremiah, Job, Joel, John, Jonah, Joshua, Jude, Judges, Lamentations, Leviticus, Luke, Malachi, Mark, Matthew, Micah, Nahum, Nehemiah, Numbers, Obadiah, Philemon, Philippians, Proverbs, Psalms, Revelation, Romans, Ruth, Song of Solomon, Titus, Zechariah, Zephaniah

Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.


Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Genesis

Chapter 1

¹Tamy velohany, Ndragnahary namboatsy ty lanitsy noho ty tany. ²Tsy nisy endriky sady tsy misy ty tany. Nanatriky ty rano lalaky ty faiky. Sady nimpolipoly tanabo ty rano ty fanahin-Janahary. ³Hoasan-Janahary: "Engaho hisy mazava," le nisy mazava. ⁴Hitan-Jagnahary ty fahazava, sady hitany fa soa zay. Nampisaraky ty mazava tamy ty fahaiky Ie. ⁵Ndragnahary nikaiky ty mazava hozao: "haliky." Le nisy haly noho maray zay, ty andro velohany. ⁶Hoasan-Jagnahary hoe: Engao hisy habakabaky anivo ty rano noho ty rano, sady engaho zay hampisaraky ny rano amy ty rano." ⁷Njagnaharynamboatsy ty habakabaky . Le nisy zay. ⁸Sady nokaiha hoe: "lanitsy" iazy habakabaky iny. Le nisy haliky noho maray zay, ty andro faha roe. ⁹Hoasa Njagnahary hozao: "Engaho ty rano ambany ty lanitsy ho vory amy toera raiky, sady engaho hiboaky ty tany maiky." Le nanovy zay. ¹⁰Nikaihin-Janahary hozao : "tany" ty tany maiky, sady ty rano mivory nanoviny hoe: "riaky" Hainy fa soa zay. ¹¹Hoasan_jagnahary hoe: "Engah ty tany hitiry raha maintso: raha mitiry mamoa voa sady hazo hamokatsy ze misy voa aminy ao ,samby amy ty karazany iaby." Le nisy zay . ¹²Namokatsy raha maintso ty tany ,ty akata mitiry namoa voa samby amy ty karazany iaby,sady ty hazo voan-kazo samby amy ty karazany iaby. Le hain-janahary fa soa zay. ¹³Le nisy hariva noho ty maray zay, ty andro fahatelo. ¹⁴Hozao tiasan-Janahary: "Misia ty mazava amy ty lanitsy mba hampisaraky ty andro amy ty haliky sady engao ndrozy hanahaky ty famantara,ho ahy vanim-potoa, noho ahy ty andro rey noho ho tao rey. ¹⁵Engaho rey mazava amy ty lanitsy mba hanome hazava amy ty tany eny." Le nisy zay. ¹⁶Njanahary nanao hazava roe bevata, azy hazava bevata mare mba hampisy mariky ty andro, sady ty hazava kelikely mare mba hampisy mariky ty haly. Nanao ty kintana avao koa Ie. ¹⁷Nandefa zay tamy ty lanitsy teny Njanahary mba hanome hazava ty tany, ¹⁸mba hanapaky ty andro noho ty haly,sady mba hampisaraky ty hazava amy ty maiky. Hitan-Janahary fa soa zay. ¹⁹Le nisy hariva noho maray zay, ty andro faha efatsy. ²⁰Hozao ty asan-Janahary: "Engaho ho atriaky raha managnay lako isaky ty rano, sady engaho ho voro hitily anabo ty tany eny amy habakabaky ty lanitsy." ²¹Njanahary namoro ty bibin-driaky bevata, noho karazan-draha managnay iaby reo, azy raha managnay mihetsiky noho ze mameno ty rano mbaombao, sady karaza voro mana elatsy iaby. Hitan-Janahary fa soa zay. ²²Nitsipy rano androzy Njanahary, nanao hozao: "Miteraha lako sady milakoa, le atsefo ty rano amy ty riaky ao. Engaho hialako anabo ty tany voro rey." ²³Le nisy hariva noho marayzay, ty andro faha limy. ²⁴Hozao tiasan-Janahary: "Engaho ty tany hamokatsy raha managnay, samby amy ty karazany iaby, biby hary rey,raha milaly,noho ty biby ly ty tany samby amy ty karazany iaby." Le nisy zay. ²⁵Nanovin-Janahary samby amy ty karazany iaby biby ly ty tany rey, biby hary rey samby amy ty karazany iaby, sady raha iaby samby amy ty karazany iaby. Hitany fa soa zay. ²⁶Hozao tiasan-Janahary: "Ndao tsika hamoro olo amy ty endrikitsika, manahaky antsika. Engaho ndrozy hanjaka amy ty hazan-dranon-driaky, amy ty voro ty lanitsy eo, amy ty biby hary reo, heniky ty kila tany iaby, amy raha mikisaky iaby reo ze milaly anabo ty tany." ²⁷Njanahary namoro ty olo araky ty endrikny. Tamy ty endriny avao ro namoronany azy. Lahilahy noho ampela ro namoronany androzy. ²⁸Nitsipy rano androzy Njanahary le nivola tamin-drozy hozao: " Miteraha lako,sady milakoa. Atsefo ty tany, sady anjakao zay. Mahazoa fanjaka amy ty hazan-driaky reo eo, amy ty voro amy ty habakabaky reo eo,sady amy raha managnay iaby ze mihetsiketsiky anabo ty tany." ²⁹Hozao tiasan-Janahary: "Ingo, fa nameako anareo ty raha maintso iaby mamoa voa ze anabo ty tany iaby,sady ty hazo iaby ze mamokatsy voa aminy ao. Ho fihinanareo rey. ³⁰Ho tiahy biby ly ty tany, ho ahy ty voro anabakabaky, noho ho ahy ty raha iaby ze mikisaky amy ty tany, sadyho ahy ty raha managnay ze mana fofon'ay an-tany eto ro nanomezako ty raha maitso iaby ho hany." Le nisy zay. ³¹Hitan-Janahary raha iaby ze nanoviny reo. Ingo, le vatany soa zay. Le nisy hariva noho ty maray zay, ty andro faha eny.

Chapter 2

¹Sady le vita ty lanitsy noho ty tany, noho ty raha-mananay iaby ze manatsiky azy. ²Tamy ty andro fahafito Njanahary le fa hamara ty asany ze nanoviny, ka noho zay le nijano tamy ty asany iaby le tamy ty andro fahafito. ³Nitahin'Janahary ty andro fahafito sady nanamasy zay, safe tamy zay ro nijanonany tamy ty asa iaby ze nanoviny tamy ty famorona. ⁴Ndreto ty raha niseho mikasiky ty lanitsy noho ty tany, lafa niharé zay, tamy ty andro ze namorona Yaveh Njanahary ty tany noho ty lanitsy. ⁵Tsy mbo nisy ty kirihitsy ty baibo tamy ty tany eny, sady tsy mbo nitimoky ty raha-mitiry tam-baibo teny, safe Yaveh Njanahary tsy mbo nandatsaky ty ora tamy ty tany, sady tsy nisy olo niasa tany. ⁶Le nisy zevoky baka amy ty tany ka le nandeha ty valera ty tany iaby. ⁷Naminavina ty olo baka amy ty lemboky ty tany I Yaveh Njanahary, sady niombofany i tamy ty fofonay ty fahaveloma ty vorony, le avy olombelo. ⁸Yaveh Njanahary namboatsy ty baibo tan-tinana, tao Edena, sady napetsany tao ty olo ze nivinavinany. ⁹Tanabo ty tany ro nampitiry i Yaveh Njanahary ty hazo iaby ze hita fa tea ty maso sady soa ho amy ty hany. Anisany zay ty hazon'ay ze tanivo ty soa noho ty raty. ¹⁰Nisy ony niboaky baka Edena ao nanondraky ty baibo. Nizarazara baka any zay ka le avy ony efatsy. ¹¹Pisona ro ty anara azy velohany iny. le raiky avao ro mirotsaky miodidy ty tany iaby i Havila, ze misy volamena. ¹²soa ty volamena ty tany zay. Misy bedola noho vato berila avao koa. ¹³Gihona to ty anara azy ony faharoe iny. le io sady mirotsaky mameno ty tany Kosy. ¹⁴Ty anara azy ony fahatelo iny le Tigra, ze mirotsaky antinana i Asyria. Eofrata ty ony faha-efatsy. ¹⁵Nala i Yaveh Njanahary ty lahilahy sady nampipetsaky azy tamy ty baibo Edena ao mba hiasa noho hitanjaky zay. ¹⁶Nibeko ty lahilahy Yaveh Njanahary, manao hozao: "Baka amy ty hazo iaby amy ty baibo any le azonao hihinana. ¹⁷Fa baka amy azy hazo ty fahaiza ty soa noho ty raty iny any ro tsy azonao nihinana, fa amy ty andro hihinananao baka amy zay, ro ho maty vatany iha." ¹⁸Bakeo Yaveh Njanahary le nivola hozao: "Tsy soa laha raiky ty lahilahy. Hanamboarako nama mitovy aminy ie." ¹⁹Baka amy ty tany ro nanamboara Yaveh Njanahary ty biby ty baibo iaby noho ty voro ty lanitsy ie iaby mba ahitany ze mety hikaihany azy. Ndra ino ndra ino nikaiha ty lahilahy ty raha-mananay kirai-draiky, le zay ro anarany. ²⁰Namea ty lahilahy anara iaby ty biby haré, ty voro-mitily iaby amy ty lanitsy eny, sady ty biby-li ty baibo. Fe tsy nahita nama mitovy azy ty lahilahy. ²¹Nampiroro i Yaveh Njanahary laliky ty lahilahy, ke le niroro ty lahilahy. Nangalaky ty raiky tamy ty taolan-tahezany i Yaveh Njanahary sady nanily ty nofotsy ze nana azy taolan-taheza any iny. ²²Tamy azy taolan-raheza ze nala Yaveh Njanahary tamy ty lahilahy iny, ro nanamboarany ty ampela raiky noho nandaisa azy tamy ty lahilahy teo. ²³Hoasa ty lahilahy hoe: "Zao koa, ro taola baka amy ty taolako toy, sady nofotsy baka amy ty nofotsiko. Nikaihy hoe 'ampela' ie, safe nala baka amy ty lahilahy." ²⁴Laha zay hiala ty babany noho ty lahilahy, hiharo amy ty valiny ie, sady hoavy nofotsy raiky ndrozy. ²⁵Samby nitanjaky androzy, ty lahilahy noho ty valiny, fa tsy nahay menatsy.

Chapter 3

¹Sady ty menarà to malio vatany noho ty biby-li iaby tamy ty baibo ze nanamboara Yaveh Njanahary eo. sady hoy ie tamy nampala hozao: "Tena nivola vatany va Njanahary hoe: 'Tsy azonao hihinana ty hazo iaby amy ty baibo ao?'"² Le hoasa ty ampela tamy azy menarà iny hozao: " Azonay hihinana ty voa ty hazo am-baibo ao,³ fa mikasiky ty hazo ze anivo ty baibo eo koa, le hoasa Njanahary hozao: 'Tsy azonao anovy ty mihina zay, na mikasiky zay, fa mandrary ho maty nareo.'"⁴Hoy azy menarà iny tamy ty ampela hozao: "Tsy ho maty zay nareo. ⁵Fa hain-Janahary fa amy ty andro hihinananareo sady le hahita ty masonareo, sady hitovy amy Njanahary nareo, mahay ty sia noho ty raty." ⁶Lafa hita ty ampela fa soa hohany ty hazo, sady nitea ty maso, sady azy hazo iny ro nampaniry le fa mahahendry, ro nangalaky ty ilany tamy ty voany ie ka le nihina zay. Bakeo le nomeany avao koa ty valiny ze niaraky taminy, ka le nihina ie.⁷ahita ty Mason-drozy, Ja le hain-drozy fa nitanjaky ndrozy. Nitsebiky ravin'aviavy naharo ndrozy sady namboatsy fisikina ho ahy ty vatany.⁸ Naharé ty feo Yaveh Njanahary niriorio tamy ty baibo ao ndrozy laha malomaloky ty andro, ka le miatsiky ty famonjea Yaveh Njanahary tamy hazo ty baibo rey ty lahilahy noho ty valiny.⁹Nikaiky ty lahilahy Yaveh Njanahary ka le nanao taminy hozao: "Aia iha?" ¹⁰Hoasa ty lahilahy hoe: " Naharé Anao tam-baibo ao zaho, ka le natahotsy zaho, safe nitanjaky. Laha zay le mivony zaho."¹¹ Hoasa Njanahary hozao: "Ia ro nivola taminao fa nitanjaky iha? Iha iaby va nihina tamy ty hazo ze nirarako tsy hinnananao iny?"¹²Hoasa ty lahilahy hozao: "Ty ampela ze nameanao hiaraky amiko, ie ro nanome ahy ty voa baka amy azy ty hazo iny, ka le nihana zay zaho."¹³ Sady hoasa Yaveh Njanahary tamy ty ampela hozao: "Ino nanovy nareo zao?" hoasa ty ampela manao hozao: "Navandy tamikonty menarà, ka le nihina zaho."¹⁴Le hoasa Yaveh Njanahary tamy azy menarà iny hoe: "safe nanao zao iha, le iha raiky ro voaozo amy ty biby haré noho ty biby-li ty baibo iaby. Amy ty sarotsonao ro handehananao, sady lembo ro ho haninao amy ty andro iaby hiainanao."¹⁵ Hasiako fifandrafia aminao noho ty amy ty ampela eo, sady amy ty tarihanao eo noho amy ty tarihany. Hanorotoro ty aombilahy ty tombony."¹⁶Le hoy Ie tamy ty ampela hozao: "Hatomboko ty fahararinao laha miteraky; amy ty faharary ro hiterahanao ty anakinao rey. Ty raha irinao le hoahy ty valinao, le ie koa hanapaky aminao eo."¹⁷Le hoy Ie tamy i Adama hozao: "Ssfe nijanjy ty feo ty valinao iha, sady nihina tamy ty hazo, mikasiky ze nirarako anao, manao hozao: 'Tsy azonareo hihinana zay,' le voaozo ty tany noho ty aminao; amy ty alala ty asa atsiky faharary ro hihinanananao baka amy zay amy ty andro iaby hiainanao."¹⁸ Hamokatsy fatiky noho ongo-ongo ho anao zay, sady hihina raha mitiry am-baibo rey iha. ¹⁹Amy ty lanitsy ty vatanao ro hihinanananao mofo, zisiky ty himpolianaao amy ty tany, fa baka amy zay ro nangala anao. Fa lemboky iha, sady mbo himpoly lemboky ndraiky."²⁰Eva ro nanovy ty lahilahy ty anara ty valiny safe ie ro reny ty mana nay iaby.²¹ Le nanamboara i Yaveh Njanahary siky holitsy i Adama noho ty valiny le nampisiky androzy.²²Le hoy Yaveh Njanahary hozao: "Amy zao le fa avy manahaky ty raiky amintsika ty lahilahy, mahay ty soa noho ty raty. Ka amizao le tsy azony anovy ty manampatsy ty tanany, mangalaky baka amy ty hazon'ay eo, hihina zay, ka le velo zisiky farany. ²³Ka laha zay le niroasy i Yaveh Njanahary hiala amy ty baibo i Edena ao ie, mba hiasa ty tany ze nangala azy. ²⁴zay le niroasy Njanahary hiala ty baibo ty lahilahy, sady nampipetsaky kerobima tan-tinana ty baibo i Edena teo ie, sady meso mirehitsy afo ze miodikodiky, mba hiemby ty lala mana amy ty hazon'ay any.

Chapter 4

¹Niaraky niroro tamy i Eva valiny ty lahilahy. Nibevoka ie sady niteraky i Kaina. Hoy ie hozao: "Nahazo aja lahilahy zaho noho ty fanampea i Yaveh." ²Bakeo le niteraky i Abela rahalahiny ndraiky ie. Sady Abela lasa mpiamby aondry, le i Kaina koa nampoly tamy ty tany. ³Lafa nandeha ty fotoa le nanday ty ilany tamy raty vokatsy ty tany ho fanomeza ho ahy i Yaveh i Kaina. ⁴Ty ahy i Abela, le ty ilany tamy ty veloha ty anaky aondry noho ty aosy noho ty fa matavy to nandesiny. Nankasitsaha i Yaveh i Abela noho ty fanomezany, ⁵fa i Kaina noho ty fanomezany koa le tsy nankasitsahany. Ka le meloky mare i Kaina, sady lainy ie. ⁶Hoasa i Yaveh tamy i Kaina hozao: "Nanino iha ro meloky sady manino ro laginy?" ⁷Lafa manao ze marina iha, tsy ho hankasitsahy va? Lafa tsy manao ze marina iha, le hanitsaky ambaravara ty ota eo sady mitiry ty hibeko anao, nefa tsy maintsy manapaky amy zay eo iha. ⁸Niresaky tamy i Abela rahalahiny i Kaina. Lafa tam-baibo any iny ndrozy, le nitsanga hanohitsy ty rahalahiny i Kaina sady namono azy." ⁹Bakeo hoy i Yaveh tamy i Kaina hozao: "Aia i Abela rahalahinao?" Le hoy ie hozao: "Tsy haiko. Zaho va mpiamby ty rahalahiko?" ¹⁰Hoasa Yaveh hozao: "Inoraha nanovinao toy? Ty lio ty rahalahinao le mikaiky ahy maré baka amy ty tany," ¹¹Amy zao le baka amy ty tany, ze namoha ty vavany mba hitely ty lio ty rahalahinao baka amy ty tananao. ¹²Lafa miasa tany iha, le tsy hamokatsy ho ty ahinao zay manomboky amy zao. Ho mpangataky noho mpiriorio amy ty tany eny iha." ¹³Hoasa i Kaina tamy i Yaveh hozao: "Mahery mandilatsy noho ze tokony ho aviko ty saziko." ¹⁴Niroasinao tan-tany etoy vatany zaho zaho, sady hivony amy ty tarehinao zaho. Hanjary mpangataky noho mpiriorio amy ty tany iaby toy zaho, sady ndra ia ndra ia mahitaky ahy le hamono ahy." ¹⁵Hoasa i Yaveh taminy hozao: "Lafa misy namono Kaina, le ho valy mimpoly im-pito aminy zay." ¹⁶Bakeo nadia i Yaveh famantara i Kaina, laha misy mahita azy, le tsy hamango azy olo zay. ¹⁷Ka le niala i Yaveh i Kaina sady nipetsaky tamy ty tany i Noda any, an-tinana i Edena any. ¹⁸Niaraky niroro tamy ty valiny i Kaina ka le nibevoka ie. Niteraky an'i Enoka ie. Nanory tanà ie sady nanoviny hoe Enoka manahaky ty anara i Enoka anakilahiny zay. ¹⁹oka niteraky an'i Irada. Irada lasa baba i Mehojaela. niteraky an'i Metosaela. Metosaela niteraky an'i Lameka. ²⁰Lameka nanam-baly roe ho azy: Ada ro anara ty raiky, sady Zila ty anara azy raiky hafa iny. ²¹Ada niteraky an'i Jabala. Baba ty mpipetsaky an-day ze mana biby haré rey ie. ²²Jobala ro anara ty rahalahiny. baba ty mpititiky lokanga noho mpitsoky sody ie. ²³Sady mpamboatsy fiasà saba noho vy. Bama ro anabavy i Tobala Kaina. ²⁴asa Lameka tamy valiny rey hozao: "Nao Ada noho Zila, mijanjina ty feoko; nareo ty valy i Lameka, janjino ze volaniko, fa namono lahilahy raiky zaho noho ty fandatrànao ahy, sady pamaraky raiky noho ty fampitorotoroe ahy." ²⁵Lafa valia mipmoly im-pito ze mamono i Kaina, le mimpoly fitopolo fito amby koa ty ahy i Lameka. ²⁶Sady niaraky niroro tamy ty valiny ndraiky i Adama, ka le niteraky aja lahilahy hafa ie. Nikaiky ty anarany hoe Seta ie sady nivola hozao: "Namean'Janahary anaky hafa ho solo i Abela zaho, safe nivono i Kaina ie." ²⁷Niteraky aja lahilahy i Seta sady nanoviny hoe Enosy ty anarany. Tamy fotoa zay le nanomboky nikaiky ty anara i Yaveh ty olo.

Chapter 5

¹Toy ro mipitiky ty tariha i Adama. Tamy ty andro namorona Njanahary ty olombelo, le nanovy manahaky ty endriky avao ndrozy. ²Lahilahy noho ampela ro niharé androzy. Nitsipi-rano androzy le sady nikaiky azy hoe olombelo lafa vita savatsy ndrozy. ³Lafa niay 130 tao i Adama, le avy baba ty anakilahy raiky, nanahaky ty endriky avao, sady nanoviny hoe Seta ty anarany. ⁴Tafara ty niteraha i Adama an'i Seta, le niay tanay ty valonjato tao ie. lasa baba ty anakilahy noho anak'ampela lako ie. ⁵Niay 930 tao i Adama, sady maty tafara zay. ⁶Lafa niay 159 tao i Seta, le niteraky an'i Enosa. ⁷Tafara ty niterahany an'i Enosa, le niay 807 tao ie sady niteraky anakilahy noho anak'ampela lako. ⁸Niay 912 tao i Seta, sady maty tafara zay. ⁹Lafa niay sivam-polo tao i Enosy, le teraky an'i Kenana. ¹⁰Tafara ty niterahany an'i Kenana, le niay 815 tao i Enosy. Niteraky anakilahy noho anak'ampela ie. ¹¹Niay 915 tao i Enosy, sady maty tafara zay. ¹²Lafa niay fitopolo tao i Kenana, le niteraky an'i Mahalalila. ¹³Tafara ty niterahany an'i Mahalalila, le nisy 840 tao i Kenana. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ¹⁴Niay 910 tao i Kenana, sady maty tafara zay. ¹⁵Lafa niay enimpolo limy amby tao i Mahalalila, le niteraky an'i Jareda. ¹⁶Tafara ty niterahany an'i Jareda, le niay 830 tao ie. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ¹⁷Niay 895 tao i Magalalila, sady maty tafara zay. ¹⁸Lafa niay 162 tao i Jareda, le niteraky an'i Enoka. ¹⁹Tafara ty niterahany an'i Enoka, le niay valonjato tao ie. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ²⁰Niay 962 tao i Jareda, sady maty tafara zay. ²¹Lafa niay enimpolo limy amby tao i Enoka, le niteraky an'i Metosala. ²²Nandeha tamby fombà Njanahary tanay ty telonjato tao i Enoka tafara ty niterahany an'i Metosela. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ²³Niay 365 tao i Enoka. ²⁴Nandeha tamby fombà Njanahary i Enoka, sady nandeha ie. safe nalà Njanahary. ²⁵Lafa niay 187 tao i Metosela, le niteraky an'i Lameka. ²⁶Tafara ty niterahany an'i Lameka, le niay 782 tao i Metosela. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ²⁷Niay 969 tao i Metosela. Sady maty ie tafara zay. ²⁸Lafa niay 182 tao i Lameka, le niteraky anakilahy raiky. ²⁹Nikaihiny hoe Noa ty anarany, sady nambarany hozao: "Toy ro hanome fijanona ho antsika amy ty asantsika noho amy ty asa mahery anovy ty tanantsika, ze tsy maintsy hanovintsika noho ty tany ze nihozony i Yaveh." ³⁰Niay 595 tao i Lameka tafara ty niterahany an'i Now. Niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ³¹Niay 777 tao i Lameka. Tafara zay le maty ie. ³²Lafa niay dimanjato tao i Noa, le niteraky an'i Sema, Hama noho Jafeta.

Chapter 6

¹Lafa nanomboky nahalako tan-tany reto ty olombelo sady niteraky ajam-pela lako, ²le hita ty anakin-Janahary fa maha te ho tea ty anak'ampela ty olombelo. Nangalaky valy ho azy ndrozy, ndra ia ndra ia ty nitinginy tamin-drozy. ³Hoasa Yaveh hozao: " Tsy nipetsaky amy ty olombelo zisiky farany ty fanahiko, safe nofotsy ndrozy. Hiay anay ty 120 tao ndrozy. ⁴Tanabo ty tany teto ty olo lako tany ty andro zay, sady tafara zay avao koa. Zay ro niseho lafa nanambaly anak'ampela ty olombelo rey ty anakin-Janahary, sady niteraky tamin-drozy. Rey ro ty lahilahy mahery taloha, lahilahy nana rengy. Hita Yaveh fa bevata ty faharatia ty olom-belo tan-tany etoa, sady ty fitiava ty fisaina iaby tanain-drozy le raty avao. Naneny tany ty fanamboarany ty olombelo tan-tany atoa Yaveh, sady nahameloky ty fony zay. ⁷Le hozao tiasa Yaveh: " Horavako hhiala anabo ty tany eo ty olombelo ze namboariko; na tyolom-belo ndra biby bevata, noho ty raha mikasiky sady voro ty habakabaky rey, safe naneny Zaho namoro androzy." ⁸Fe Noa avao ro nahita sitraky ta imaso Yaveh teo. ⁹Zao ty tantara mikas'i Noa. Noa le lahilahy to, sady tsy nisy hakeo tany ty olo tany ty androny. Noa le nandeha nanoriky an-Janahary. ¹⁰Niteraky anaky lahilahy telo Noa: Sema, Hama, noho Jafeta. ¹¹Simba tanatreha Njanahary ty tany, sady atsiky heriloha zay. ¹²Hitan-Janahary ty tany; le ingo, fa simba zay, safe nanimba ty lalan-drozy tanabo ty tany ty nofotsy iaby. ¹³Hoasa Njanahary tany i Noa hozao: "Hitako fa fotoa hampitro ty nofotsy iaby zao, safe lako heriloha amy ty alalan-drozy ty tany. Haravako miarakany amy ty tany vatany ndrozy. ¹⁴Mananova sambo fandehana vita amy ty hazo kypreso ho ahy ty vatanao. Asio efitsy anay azy sambo fandehana iny ao, sady asio linta anainy ao noho ambaliky zay. ¹⁵Zao ro fomba hananovanao zay: telonjato hakiho ty halava ty sambo fandehana, dimampolo hakiho ty sakany, sady telopolo hakiho ty haabony. ¹⁶Asio tafo ty sambo fandehana, sady vitao amy ty hakiho raiky baka anabony any zay. Asio varavara ty ilany azy sambo fandehana iny sady asio tokon-tanin-tsambo ambany, faharo noho fahatelo. ¹⁷Mijanina, fa mety handay ty safo-drano anabo ty tany eny Zaho, mba hampitro ty nofotsy iaby ze mana ty imbon'ay ambany ty lanitsy aminy ao. Ho maty iaby ty raha iaby anabo ty tany eny. ¹⁸Fe hanory ty fanenkeko aminao Zaho. Ho avy amy sambo-fiara ao nareo, iha noho anakilahinao rey, sady ty valinao, noho vinantonao ampela rey. ¹⁹Amy ty raha mana nay iaby, amy ty nnofitsy iaby, le tsy maintsy anadesanao roe amy ty samby karazany iaby ho anay ty sambo-fiara, mba hhitanjaha androzy ho velo velo miharo aminao, ndra lahy ndra vavy. ²⁰Azy voro samby amy ty karazany iaby rey, sady ty bbiby bevata sambby amy ty karazany iaby, ty raha mikisaky amy ty tany iaby samby amy ty karazany iaby, le hagnato anao iabyty roe amy ty karazany iaby, velomy ndrozy. ²¹Vorio ho anao iaby ty ty karazan-kany iaby ze fihany sady hajarao zay, mba ho haninao noho ahin-drozy." ²²Le nanovy Noa zay. Araky ze iaby nandidian-Janahary ro nanovany azy.

Chapter 7

¹Sady Yaveh nivola tamy Noa hozao: "Milira amy sambo-fiara ao iha noho ty longonao, safe iha ro olo hitako fa to anatrehako eo amy ty tariha toy. ²Ty amy biby malio iabyble anandesanao fito lahy noho fito vavy. Sady amy ty biby tsy malio, le mangala roe iaby, lahy noho vavy. ³Amy ty voro ty habakabaky rey avao koa, le mangala fito lahy noho fito vavy, ho fiarova ty tantara anabo ty tany etoa. ⁴Afara ty fito andro le handatsaky ora tsy mety tampitsy zisiky efapolo andro noho efapolo haly Zaho. Haravako iaby ty raha man'ay iaby namboriko tanabo ty tany teto. ⁵Le nanovy Noa zay nandidia Yaveh azy iaby. ⁶Eninjato tao i Noa tamy ty fotoa niavia ty tondra-drano tan-tany tetoa. ⁷Noa, anakilahiny rey, ty valiny, sady ty vinanto ampelany rey le niaraky nilitsy tanay ty sambo-fiara noho ty rano ty tondra-drano. ⁸Azy biby maliio noho ty biby maloto rey, sady raha iaby milaly amy ty tany, ⁹le niavy kiroe kiroe, lahy noho ty vavy, nagnato an'i Noa sady nilitsy tamy ty sambo-fiara, araky ty fandidian-Janahary an'i Noa. ¹⁰Fito andro tafara tatoy, le nanomboky nilatsaky ty ora le atsiky rano ty tany. ¹¹Tamy ty faha eninjato tao niveloma i Noa, faharoe ty vola, andro faha folo fito amby ty vola, tamy andro io avao, le niboaky ty loharano laliky iaby tambany ty tany, sady nivoha ty lafenety ty lanitsy. ¹²Nanomboky niavy tsy nijano zisiky efapolo andro noho efapolo haly ty ora tanabo ty tany tetoy. ¹³Tamy andro io avao i Noa noho ty anakilahiny rey, Sema, Hama, noho i Jafeta, noho ty valy Noa, noho vinantony ampela telo niaraky amindrozy, le nilitsy tanay ty sambo-fiara. ¹⁴Le nilitsy ndrozy niaraky tamy ty biby ly iaby samby amy ty karazany, noho ty biby hary samby amy ty karazany iaby, noho ty raha mikisaky amy ty tany samby amy ty karazany iaby, sady karaza ty voro iaby samby amy ty karazany, noho ty raha managnay mana elatsy kiraikiraiky sambby amy ty karazany iaby. ¹⁵Niavy kiroe kiroe tamy Noa ty biby iaby mana fofon'ay samby amy ty karazany iaby le nilitsy nanay ty sambo-fiara. ¹⁶Azy biby nilitsy tao rey le lahy noho vavy samby amy ty karazany iaby; nilitsy tao ndrozy araky ze nandidian-Janahary azy. Bakeo Yaveh nagnily ty varavara iaby lafa tafilitsy ndrozy. ¹⁷Bakeo le niavy tan-tany zisiky efapolo andro ty tondra-drano, sady nitombo ty rano le nanonjo azy sambo-fiara iny le nampiakatsy zay ho anabo ty tany. ¹⁸Le vatany atsiky rano ty tany, le nitsinkafo tanabo ty rano azy sambo-fiara iny. ¹⁹Niakatsy mare tamy ty tany teo ty rano le atsiky aiby ty vohitsy anabo iaby ambany ty lanitsy. ²⁰Nandilatsy ty folo limy amby hakiho tamy ty farany anabo ty vohitsy ty rano. ²¹Maty iaby ty raha managnay iaby ze nikariokarioky tanabo ty tany: ay voro rey, azy biby hary rey, azy biby ly rey, noho ty raha managnay lako ze niay tan-tany etoy, sady ty olombelo iaby. ²²Azy raha managnay iaby tanabo ty tany tetoy, ze miay ty fofonay amy ty vava oriny, le maty iaby. ²³Lafa zay le nirava iaby ty raha managnay tanabo ty tany tetoy, baka amy ty olombelo zisiky amy ty biby fihary, noho biby mikisaky, sady ty voro ty habakabaky. Rava tanabo ty tany iaby ndrozy. Noa noho ze niaraky taminy tanay azy sambo-fiara ro sisa tavela. ²⁴Tsy niritsy tanabo ty tany naharitsy dimampolo amby zato andro rano iny.

Chapter 8

¹Le nahatiaro an'i Noa Njanahary, azy biby ly iaby, sady ty biby faharybiaby ze niaraky taminy tanay ty sambo-fiara. Nampitioky tsioky heniky tany Njanahary, le nanomboky niritry ty rano. ²Nihilia ty loharano ty laliky noho ty lafenety ty lanitsy, le nnijano ty ranon'ora. ³Nihena tsikelikely ty rano ty tondra-drano, sady lafa afaky limampolo amby zato andro le niritry ty rano. ⁴Le nijano tany ty vohitsy Aratata ty sambo-fiara tany faha fito ty vola, tany ty andro faha fito amby ty folo ty vola. ⁵Niharitsy avao ty rano zisiky ty vola faha folo. Tany ty andro veloha ty vola, le niboaky ty farany anabo ty vohitsy. ⁶Sady lafa afaky ty efapolo andro le nivoha i Noa ty lafenety ty sambo-fiara ze namboariny. ⁷Le nandefa goaky raiky tambaliky tany ie, le nimpolimpoly nitily zay zisiky hamaiky ty rano tany ty tany. ⁸Sady nandefa pizon ie hagnety lafa ritsy ty rano tanabo ty tany, ⁹fe tsy nahitaky ty toera hametra ty tombony azy pizon iny le nimpoly taminy tanay ty sambo-fiara safe mbo atsiky ty tany iaby ty rano. Sady nanampatsy ty tanany ie, le nadramby ty pizon sady nampilitsy zay tanay ty sambo-fiara zay tao niaraky taminy. ¹⁰Le mbo nandigny fito andro ndraiky ie le nandefa ty pizon baka anay ty sambo-fiara. ¹¹Nimpoly taminy azy pizon iny lafa hariva. Ingo nisy ravy ty oliva maintso vo baka niromity tany vavany azy pizon iny teo. Le nihay Noa fa niritry ty rano tanabo ty tany. ¹²Mbo nandiny fito andro ,ie le nampiboaky ty pizon ndraiky. tsy nimpoly taminy teo sasy azy pizon iny. ¹³Tany ty faha raiky amby eninjato tao, tany ty veloha ty vola, tany ty andro veloha ty veloha ty vola, ro niritry ty rano tanabo ty tany. napota i Noa ty tafo ty sambo-fiara, nagnetea tambaliky tany, le nahita fa, ingo, fa maiky ty tany. ¹⁴sady tany ty andro faha roapolo fito amby, tany ty fah roe ty vola, le maiky ty tany. ¹⁵Hozao tiisan-Janahary tany noa: ¹⁶"Miboaha anay ty sambo-fiara ao, iaha,noho ty valinao, azy anakilahinao rey,sady ty vinantonao ampela rey miarakay aminao. ¹⁷Andeso miboaky miarakay aminao azy raha managnay iaby ze miarakay aminao ze avy baka amy ty fonitsy iaby--- le azy voro rey,biby rey, noho raha mikisaky iaby amy ty tany rey--- mba hitombo isaky mare ho ahy ty raha managnay heniky ty tany retoa, Miteraha lako sady milakoa." ¹⁸Le niboaky Noa noho ty valy aminanakiny niaraky taminy. ¹⁹Ty raha managnay iaby, ty raha mikisaky iaby,sady ty voro iaby, mbamy ty raha mihetsiketsiky anabo y tany etoy, samby amy ty karazany iaby, le nanenga ty sambo-fiara. ²⁰Nanamboatsy alitara ho ahy Yaveh i Noa. Nangalaky ialany tany ty biby malio noho ty voro malio rey ie, sady nanesy fanatitsy oroa tany alitara teo. ²¹Le nire Yaveh ty hanitsy ankasitraha le nivola agnay hozao: "Tsy hanozo ty tany noho ty olombelo sasy Zaho, ndra raty baka amy ty faha ajany aza ty fisaina ty fo ty olo. Sady tsy handrava ty raha managnay sasy Zaho, manahaky ty nanoviko. ²²Laha mbo maharitsy avao koa ty tany, le tsy hana fienena ty taom-pambolea noho ty tao famokara, ty ninty noho ty hafana, ty asotsy noho ty litsaky, sady ty andro noho ty haliky."

Chapter 9

¹Bakeo Njanahary nitsipy rano an'i Noa noho ty anakilahiny rey, sady nivola hozao tamin-drozy: "Milakoa fara, milakoa, sady atseho ty tany. ²Ty tahotsy noho ty horohoro anao le ho amy biby rey ze miay anabo ty tany, ty voro ty habakabakyt, amy ty kila raha iaby ze mandeha ambany ty tany, sady amy ty hazan-driaky iaby. Ameako antanao rey. ³Ty raha iaby ze miay le hanovinareo sakafo. Henany zao zaho le manome anareo ty raha iaby manahaky ty nanomezako anareo ty raha mitiry maintso. ⁴Fe nareo le tokony tsy hihina hena miaraky amy ty ainy _ zay le ty liony_ anainy ao. ⁵Fe laha hoahy ty lionareo, le ay ze anay ty lionareo, le takiaKo ty viliny. Baka amy ty tana ty biby rey ro hitakiako zay. Baka amy ty tanan'olo ze namono ty rahalahiny ro hitakiako ty solo ty fiainan'zay olo zay. ⁶Ndra ia ndra ia mandatsy ain'olo raiky, le olo ro handatsaky ty ainy, fa tamy ty endrikin-Janahary ro nanamboarany ty olo. ⁷Laha ty aminareo, le milaoa fara sady milaoa, miparitaha heniky ty tany sady mitomboamizay eo." ⁸Bakeo Njanahary niresaky tamy Noa noho anakilahiny rey niaraky taminy nanao hozao: " ⁹Laha ty amiko, le janjino! Hanamafy ty fanenkea nanoviko taminareo noho ty tarihanareo afaranareo ao Zaho, ¹⁰noho ty biby managnay ze miaraky aminareo, voro rey, biby fihary, sady ty raha managnay iaby anabo ty tany miaraky aminareo, baka amy iaby ze tanay ty sambo-fiara tao rey, zisiky amy raha managnay iaby anabo ty tany. ¹¹Zao zaho le hanamafy ty fanenkeako nanoviko taminareo, fe tsy hisy tondr-drano handrava ty nofo iaby sasy. Sady tsy hisy safo-drano handrava ty tany sasy." ¹²Hozao tiasan-Janahary: "Zao ty famantara amy ty fifanaraha ze anoviko Amiko eo noho aminareo eo sady ty raha managnay miaraky aminareo, ho amy tariha ty ho avy: ¹³Fa nametraky sadian-Janahary amy ty raho eny Zaho, sady zay ro famantara ty fanenkea Amiko eo noho ty tany. ¹⁴Zay le ho avy lafa handomboky ty tany amy ty raho Zaho sady ho talaky amy ty raho eny ty sadian-Janahary, ¹⁵Bakeo le ho tiaroko ty fanenkeako, ze nisy tamiko noho taminareo sady ty raha managnay ty nofo iaby. Tsy hahavy tondra-drano hanimba ty nofoiaby sasy rano rey. ¹⁶Ty sadian-Janahary le ho amy ty raho le hahitaky zay Zaho, Mba ahatiarova ty fanenkea tamin-Janahary noho ty raha managnay ty nofo iaby zay anabo ty tany." ¹⁷Bakeo le nivola Njanahary nivola tamy i Noa nanao hozao: " Io ty famantara any azy fanenkea nanoviko tamy ty nofo iaby ze anabo ty tany." ¹⁸Azy anaky Noa ze niboaky baka amy azy sambo-fiara tao le i Sema, Hama sady Jafeta. Hama le baba i Kanana. ¹⁹Telo rey ro anaky Noa, sady bakamin-drozy rey ro naha atsiky olo ty tany. ²⁰Nanomboky namboly Noa, sady namboly voaloboky ie. ²¹Nino ty ilany tamy ty divay ie le nimamo. Niroro tsy nisafotsy tamy ty lainy ie. ²²Bakeo i Hama, baba i Kanana, nahita ty babany tsy nisiky le nivola tamy ty rahalahiny tambaliky tany. ²³Le nangalaky siky lava i Sema noho i Jafeta sady nametraky zay tamy ty sorikin-drozy roe, sady nandeha tafara nampisafotsy ty baban-drozy tsy nisiky. Nitoliky loha ndrozy, le tsy nahitaky ty raha ty baban-drozy. ²⁴Lafa nitaity tamy ty fahamamoany Noa, le nahay ty nanovy ty anakiny faralahy taminy. ²⁵Le hozao tiasany: " Ho voahozo lahy i Kanana. Enganie ho nama ty mpiasa ty rahalahany ie." ²⁶Nivola hozao avao koa ie: "Hotompoa lahy Yaveh, Njanahary ahy Sema, sady enganie ho mpiasany kanana. ²⁷Hanitatsy ty faritsy ty tany jafeta lahy Njanahary, sady hanenga azy hamboatsy ty tranony amy ty lay Sema rey eo. Enganie ho mpiasany i Kanana." ²⁸Tafara ty tondra-drano, le telonjato amby dimampolo tao ty niaina i Noa. " ²⁹Ty fotoa niaina i Noa le limampolo amby sivan-jato tao, le nimaty i bakeo.

Chapter 10

¹Ndreto iaby ty tariha ty anakilahy i Noa, le i Sema, Hama noho Jafeta. Niteraky aja lahilahy ndrozy tafara ty safo-drano²Ty anakilahy i Jafeta rey le i Gomera, Megoga, Maday, Javana, Tobala, Meseka, noho Tirasa. ³Ty anakilahy i Gomera rey le i Askenaza, Rifata noho Togarma. ⁴Ty anakilahy i Javana koa le i Elisaha, Tarsisy, Kitima, noho Dodanita. ⁵nanomboky teo ty nizarazara ty olo ty moron-tsiraky rey sady samby nana amy ty taniny baka any iaby ndrozy, samby nana ty fivolanany iaby, araky ty fokon-drozy, araky ty firenean-drozy.⁶Ty anakilahy i Hamara le i Kosy, Mizraima, Pota sady Kanana. ⁷Ty anakilahy i Kosy le i Seba, Havila, Sabta, Ragama sady Sabteka. Ty anakilahy Ragama koa le i Seba noho Dedana. ⁸Kosy ro niteraky an'i Nimroda, ze lahilahy mpadresy velohany tany etoy. ⁹Ie ro mpihaza mahery tanila i Yaveh eo. Zay ro nivolana hozao: " Mba manahaky i Nimroda, mpihaza mahery anila Yaveh eo." ¹⁰Dreto ty anaky anivo ty fanjakany velohany le i Bebel, Eraka, Akada, Kalne, ze tany ty tany Sinara tao.¹¹Niala tany tany zay ie le nana Asyria any sady namboatsy an'i Ninive, Rehobot-ira noho Kala ¹²sady Resena, ze tanivo i Ninive noho Kala. Tanà bevata zay. ¹³Mizraima niteraky ty Lodita, ty Anamita, ty Lehabita, ty Naftohita, ¹⁴ty Potrosita, ty Kaslohita (baka amy rey ro niavia ty Filistina), sady ty Kaftorita. ¹⁵Kanana niteraky an'i Sidona, anakilahiny velohany, noho Heta, ¹⁶sady koa Jebosita rey, Amorita rey, Girgasita rey, ¹⁷Hivita rey, Arkita rey, Sinita rey, ¹⁸Arvadita rey, Zemarita rey, noho Hamatita rey. tafara tato le niparitaky ty foko Kananita rey.¹⁹Ty faritany Kananita ro nanomboky ta Sidona eo, Murphy mana Gerara any le zisiky Gaza any, sady ty raiky ze mana Sodoma, Gomora, Adma any, sady Zeboima, le zisiky Lasa any. ²⁰Rey ro anaky i Hama, araky ty fokon-drozy, araky ty fivolanany iaby, tany ty tanin-drozy, sady tany ty firenean-drozy.²¹Niteraky aja lahilahy avao koa i Sema, azy zoky i Jafeta lahilahy velohany iny. Razam-be ty olo iaby baka Ebera avao koa i Sema. ²²Ty anakilahy i Sema le i Elama, Asyra, Arpaksada, Loda sady Arama. ²³Ty anakilahy i Arama le i Oza, Hola, Gatera sady Masy. ²⁴Sady Arpaksada niteraky an'i Sela, sady Sela niteraky an'i Ebera. ²⁵Nana anakilahy roe i Ebera. ty anara ty raiky le i Palega safe tany ty androny le vita zara ty tany. Joktana ro anara ty rahalahiny. ²⁶Joktana niteraky an'i Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera, ²⁷Hadorama, Hozala, Dykla, ²⁸Obala, Abimaela, Sheba, ²⁹Ofira, Havila sady Jobaba. Iaby rey ro anaky i Joktana. ³⁰Ty faritany ndrozy le nanomboky ta Mesa ao, Zisiky Sefara any, vohitsy bevata antinana. ³¹Rey ro anakilahy i Sema, araky ty foko noho ty fivolanany-drozy, tany ty tanin-drozy ao, araky ty firenean-drozy. ³²Rey ro foko ty anaky i Noa, araky ty karazan-drozy. Baka amy rey ro nampisaraky ty firenea rey le niparitaky nanatsiky ty tany tafara ty safo-drano ao.

Chapter 11

¹Sady ty tany raiky iaby le nampiasa fivolana daily noho ty safa iaraha. ²Laha nandeha nanan-tinana ndrozy, le nahita loham-baibo tany ty tany i Sinara ka le nanory petsaky ao. ³Nifampanambara ndrozy hozao: "Ndao, hanao boriky tsika le handoro soa zay." Boriky ro nananan-drozy fa tsy vato sady malanga ho feta. ⁴Hoasan-drozy hozao: "Ndao tsika hananga tanà noho tilikambo ze hanakatsy ty lanitsy ty tsifany, sady engao hamoronantsika anara ho antsika zay. Lafa tsy manao zay tsika, le hiparitaky manatsiky ty tany iaby zao." ⁵Laha zay le nijotso Yaveh mba hanenty azy tanà noho azy tilikambo ze namboary ty tariha i Adama iny. ⁶Hozao ty asa i Yaveh: "Ingo, olo lako raiky mitovy safa avao rey, sady manomboky manao zay ndrozy! Ato ato le tsy hisy raha ze tokony hanovy ndrozy le tsy ho vitan-drozy." ⁷Ka le, andao tsika hijotso le hampifangaro ty safan-drozy eny, mba tsy hifankahay ndrozy." ⁸Ka le naparitaky i Yaveh iaby hanatsiky ty velaran-tany eo iaby ndrozy sady najanon-drozy ty fanangana ty tanà. ⁹Laha zay, le nanovy hoe Babela ty anara zay, safe tao ro nanafangaroa i Yaveh ty fivona ty tany raiky iaby sady baka ao ro nanaparitaha i Yaveh androzy tambaliky any manatsiky ty velaran-tany iaby. ¹⁰Ndreto ty tariha i Sema. Zato tao i Sema, sady roe tao tafara ty safo-drano le niteraky an'i Arpaksada ie. ¹¹Mbo velo dimanjato tao ie lafa nanjary baba i Arpaksada ie. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ¹²Lafa ampy telopolo limy amby tao i Arpaksada, le niteraky an'i Sela. ¹³Niay 403 i Arpaksada tafara ty niterahany an'i Sela. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ¹⁴Lafa niay telopolo tao i Sela, le niteraky an'i Hebera. ¹⁵Mbo niay 403 tao i Sela tafara ty niterahany an'i Hebera. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ¹⁶Lafa niay telopolo efatsy amby tao i Hebera, le niteraky an'i Pelega. ¹⁷Mbo niay 430 tao i Hebera tafara ty niterahany an'i Pelega. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ¹⁸Lafa niay telopolo tao i Pelega, le niteraky an'i Reho. ¹⁹Mbo niay 209 tao i Pelega tafara ty niterahany an'i Reho. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ²⁰Lafa niay telopolo roa amby tao i Reho, le niteraky an'i Seroga. ²¹Mbo niay 207 tao i Reho tafara ty niterahany an'i Seroga. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ²²Lafa niay telopolo tao i Seroga, le niteraky an'i Nahora. ²³Mbo niay roanjato tao i Seroga tafara ty niterahany an'i Nahora. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ²⁴Lafa niay ropolo sivy amby tao i Nahora, le niteraky an'i Tera. ²⁵Mbo niay 119 tao i Nahora tafara ty niterahany an'i Tera. Niteraky anakilahy noho anak'ampela hafa avao koa ie. ²⁶Lafa niay fitopolo tao i Tera, le niteraky an'i Abrama, Nahora noho Harana. ²⁷Sady ndreto ty 5ariha i Tera. Niteraky an'i Abrama, Nahora sady i Harana i Tera, sady Harana niteraky an'i Lota. ²⁸Harana ro maty tany ty tany niterahany ao laha mbo velo i Tera babany, ta Ora ao ta Kaldeana tao. ²⁹Nanambaly i Abrama noho Nahora. Saray ro anara ty valy i Abrama, sady ty anara ty valy i Nahora le i Milka, anak'ampela i Harana, ze baba i Milka noho Iska. ³⁰Sady Saray ro kanda; tsy nana anaky ie. ³¹Nandesy i Tera i Abrama anakilahiny, Lota anakilahy i Hanaea anany, noho Saray vinantony, valy i Abrama anakilahiny, sady niaraky niala ta Ora ao ta Kaldeana tao ndrozy, mba ho ahy ty amy ty tany Kanana. Fa le nana Harana any ndrozy sady nieny tao. ³²Niay 205 tao i Tera sady Bakeo le maty ta Harana ao.

Chapter 12

¹Sady Yaveh nivola tamy i Abrama hozao: "Mialà amy ty fireneanao, noho amy ty longonao, noho amy ty tokan-tsano ty babanao, nana amy ty tany ze hatoroko anao any. ²Hanoviko firenea bevata iha, sady ho tahiko iha, sady hanoviko bevata ty anaranao, sady ho fitahia iha. ³Hitahy ze mitahy anao rey Zaho, fa ndra ia ndra ia mangalabaraka anao le hozoniko. Amy ty safanao ro hitahia ty firenea ty tany iaby rey." ⁴Sady nandeha Abrama, araky ze nivolany i Yaveh hanoviny, sady nanoriky azy koa i Lota. Fitopolo limy amby tao i Abrama laha niala an'i Harana. ⁵Abrama nanday an'i Saray, valiny, Lota, anaky ty rahalahiny, fanana iaby ze nihajarin-drozy rey, noho ty olo lako ze niazon-drozy ta Harana ao. Niala ho amy ty tany Kanàna any ndrozy, kale avy tamy ty tany Kanàna ao. ⁶N'andalo ty tany lavitsy i Sekema i Abrama, zisiky amy ty hazo terebin-ta i More. Kananita rey ro nipetsaky tamy ty tany ao tamy andro zay. ⁷Niseho tamy Abrama i Yaveh, la le nivola hozao: "Hoahy ty tarihanao ro hanomezako tany toy." Sady Abrama nanory alitara tany ho ahy i Yaveh, ze niseho taminy. ⁸Nifidra nana amy ty vohitsy an-tinana i Betela any ie, ze namboarany ty lainy, Betela tany andrefa noho Ay tany an-tinanany. Teo ro namboarany ty alitara ho ahy i Yaveh noho ty nikaiha ty anara i Yaveh. ⁹Bakeo nanohy ty liany Abrama, nandeha nana Negeva any. ¹⁰Nisy mosary tamy ty tany, Ka le nijotso ta Egypta Abrama any mba hipetraky, fa nahery ty mosary tamy ty tany ao. ¹¹Lafa rariny ty hilitry ta Egypta any ie, le nivola tamy i Saray valiny hozao: "Ingo, haiko le teba ampela soa tarehy iha. ¹²Lafa hita Egyptiana rey iha le hivola ndrozy hozao: "Toy ty valiko,' sady le ho vonon-drozy zaho, fe iha ho hotandrahan-drozy ho velo. ¹³Volano hoe anabaviko iha, mba tsy hampanino ahy noho iha, sady mba ho voatsitsy ty aiko noho iha." ¹⁴Sady tamy ty ftoa nilira i Abrama ta Egypta ao, le hita Egyptiana rey fa ampela tena soa tarehy vatany Saray. ¹⁵Hita tandapa i Farao ie le nanompo azy tamy ty i Farao any, sady le nalà ho an-tokatsano i Farao any ty ampela. ¹⁶Sady nampiadany i Farao i Abrama noho ty amy nampela, ka le nanome azy aondry, aomby, ampondra lahilahy, mpiasa lahilahy, mpiasa ampela, ampondra ampela, sady rameva. ¹⁷Bakeo Yaveh namango an'i Farao noho ty longony tamy ty loza bevata noho i Saray, valy i Abrama. Nampikaiky an'i Abrama i Farao, ka le nivola hozao: " ¹⁸Ino ty raha vitanao tamiko? Nanino ro tsy nivolaninao tamiko fa valinao ie? ¹⁹Nanino iha ro nivola hozao: 'Anabaviko ie,' mba hangalako azy ho valiko? sady andao zoro ty lalanao." ²⁰Sady i Farao nanome beko ty lahilahiny nikasiky azy, sady nandefa azy lavitsy ndrozy, niaraky tamy ty valiny noho ze iaby nananany.

Chapter 13

¹Le niakatsy baka Egipta Abrama sady nimba Negeva tao, ie, ty valiny, noho ty namany iaby. Niaraky tamindrozy avao i Lota. ²Sady Abrama le vatany mpagnarivo biby, bolafoty, sady volamena. ³Nanohy ty liany baka Negeva tao ho mba Betela ie, ho amy ty toera ze nisy ty lainy taloha, tanenela i Betela noho Ay. ⁴Nandeha tany azy toera ze misy ty alitara ze namboariny taloha teo iny ie. Teo ro nikaihany ty anara Yaveh. ⁵Sady Lota, ze nandeha niaraky tany i Abrama, le nana aondry noho aosy, aomby, sady lay avao koa. ⁶Tsy nahazaka ty iarahan-drozy mipetsaky ty tany, safe lako mare ty fananany rey, noho zay le tsy afaky niharo petsaky ndrozy. ⁷Sady koa, nisy fialia tany mpiemby aondry i Abrama noho mpiemby aondry i Lota rey. Nipetsaky tany ty tany Kananita noho Perizita ao tany fotoa zay. ⁸Le hozao tiasa i Abrama tany Lota: "Enganie tsy hisy fifamalia amiko noho aminao eo, sady amy ty mpiamby aondrinao rey noho ty mpiamby aondriko rey; sady mpilongo avao ko tsika. ⁹Tsy alohanao eo iaby va ty tany? Mandina tsy ampisalasala sady misaraha amiko. Laha mandeha mbankavia iha, le handeha mbankavana zaho. Na lafa mandeha mbakavana iha, le handeha mbakavia zaho." ¹⁰Le nagnety mihodidy Lota, le nahita fa ty lemak'i Jordana le voatondraky soa ndra mbaia ndra mbaia tany ty lala iaby mba Zoara any, manahaky ty baibo Yaveh, manahaky ty tan'i Egipta. Zay le taloha ty nandrava Yaveh an'i Sodoma noho Gomora. ¹¹Lafa zay le nitingy ty lemak'i Jordana iaby ho tiazy sady nandeha niantinana i Lota, le nisaraky ty mpilongo. ¹²Nipetraky ta amy tany Kanana tany i Abrama, sady Lota nipetraky tany ty tana ty lemaky. namboatsy ty lainy ho lavitsy marikitsy an'i Sodoma ie. ¹³Sady ty olo i Sodoma rey le vatany mpanota raty fanahhy manohitsy an'Yaveh. ¹⁴Nivola tany Abrama Yaveh tafara ty niala i Lota taminy teo nanao hozao: "Magnetse amy ty toera ze nitsangananao mbavaratsy, mbantimo, mbantinana, sady mbandrefa. ¹⁵azy tany iaby ze nihitanao rey, le hameako anao noho ty tarikinao mandrakizay. ¹⁶Hanoviko lako manahaky ty posiera ty tany tarihanao rey, fe lafa misy lahilahy raiky afaky manisaky ty posiera ty tany, le afaky hisafy avao koa ty posiera ty tany. ¹⁷Miongaha le mandina manapatapaky ty halava noho ty saka ty tany, fa hameako anao zay." ¹⁸Le nangoro ty lainy Abrama, sady niongaky le nipetraky tanila ty hazo terebinta i Mamre, ze a Hebrona any, sady nanamboatsy alitara ho tiahy Yaveh tany .

Chapter 14

¹Sady tamy ty fotoa i Amrefela, mpanjaka i Sinara, noho Arioka, mpanjakan'i Elasara, noho Kedorlaomera mpanjakan'i Elama sady Tidala mpanjakan'i Goima, ²le nanao aly ndrozy. Nanohera an'i Bera, mpanjakan'i Sodoma noho Birsra mpanjakan'i Gomora noho Sinaba mpanjakan'i Adma, noho Semebara, mpanjakan'i Zeboima, sady ty mpanjakan' i Bela (nikaiha hozao avao koa: Zoara).³Mpanjaka limy farany retoa le nifampitao niaraky tambaibon'i Sidima (nokaiha avao koa hoe: ranomasintsira). ⁴Folo roe amby tao ty nanompoandrozy an'i Kedorlaomera, fe tamy tao faha folo telo ambby le nialy avao ndrozy. ⁵Sady tamy tao faha folo efatsy amby, le niavy i Kedorlaomera noho mpanjaka rey niaraky taminy sady nanafiky an'i Refaita ta Astarta-Kamaima, Zozima ta Hama tany, Emima ta Save- kiriataima tao, ⁶sady ty Horita tambohitsy i Seira, zisiky Elparana, ze anila ty tany efitsy.⁷Bakeo le nimpoly ndrozy le niavy ta Ena-mispata (nikaiha hozao avao koa: kadesy), le nadresy firenana ty Amalekita rey, noho Amorita ze nipetraky ta Hazazon-tamara rey avao koa. ⁸Bakeo ty mpanjaka i Sodoma, ty mpanjaka i Gomora, mpanjakan'i Adma, manjakan'i Zeboima sady ty mpajakan'i Bela (nikaiha avao hoe: Zoara) le niboaky le nihentsy ⁹ho amy ty aly hanohera Kedorlaomera rey, mpanjakan'i Elama, Tidala, mpanjakan'i Goima, Amrafela, mpanjakan'i Sinara, Arioka, mpanjakan'i Elasara; mpanjaka efatsy nanohitsy ty limy rey.¹⁰Saty ty baibon'i Sidima le atsiky loaky misy ditin-tany, sady lafa nilay ty mapnjakan'i Sodomanoho ty mpanjakan'i Gomora, le nilatsaky tao ndrozy. Sady ze sisa tavela le nilay tamy ty vohitsy rey. ¹¹Le nala ty fahavalo ty hanagna i Sodoma soho Gomora iaby noho tahiry iaby, le nandeha tamy ty lalany ndrozy, ¹²Sady lafa nandeha ndrozy le nandesiny avao koa i Lota, anaky ty anaky ty rahalahy i Abrahama, ze nipetraky ta Sodoma, niaraky tamy ty hanagnany iaby.¹³Azy raiky fa nilay fa nilay iny le niavy sady nivola tamy i abrama azy Hebreo iny. Ie le nipetraky tamy hazo terebintan'i Mamre, Amorita, azy rahalahin'i Eskola noho Anera; ndrozy iaby rey ze poro amy Abrama. ¹⁴Sady lafa ren'i Abrama fa nosambory ty vahavalo rey ty longony, le notarihiny lahilahy 318 niofa ze teraky tan-tranony tao rey, le nanoriky androzy zisiky a Dana.¹⁵nizarany haliky ty lahilahy rey hanohitsy androzy sady nanafiky androzy noho nagnia androzy baka a Hoba, ze avaratsy damaskosy. ¹⁶Bakeo le nampoliny hanagna iaby rey, sady nampipoly an'i Lota longony noho ty raha-soany rey avao koa, mbamy ty ampela noho ty olo hafa. ¹⁷Sady lafa nimpoly baka nandresy an'i Kedorlaomera noho mpanjaka niaraky tamy Abrama rey, le niboaky mba hifankahita aminy taombaibo Save azy mpanjaka an'i Sodoma iny (Nikaiha hozao avao koa: baibo ty mpanjaka). ¹⁸Nanday mofo noho divay Melkizedeka, mpanjakn'i Salema. Mpisoron-Janahary Anabo biby ie.¹⁹Nitsipy rano azy ie nanao hozao: " Ho tahin-Janahary Anabo Biby, Namboatsy ty lanitsy noho ty tany lahy Abrama. ²⁰Isaora lahy ty Njanahary Anabo Biby, ze nanome ty vahavalonao tan-tananao teo." bakeo le namea i Abrama azy ty ampahafolo ty kila raha iaby.²¹Hozao tiasa ty mpanjaka i Sodoma tamy Abrama: "Ameo ahy ty olo, sady andeso ho ahinao ty hanagna rey." ²²Hozao tiasa i Abrama tamy mpanjaka i Sodoma: " Zaho fa nampitsanga ty tananko tamy Yaveh, Azy Njanahary Anabo Biby, Ze nanamboatsy ty lanitsy noho ty tany, ²³fe tsy handramby ilany ty laloasy, fehin-kapa raiky, ndra raha hafa ze tiahinao zaho, mba tsy ahaizanao mivola hozao: 'Zaho ro nampagnarivo an'i Abrama.' ²⁴Tsy hangalakany ndra ino ino hafa tsy ze nihany ty mpamaraky rey noho ty anjara ty lahilahy ze niaraky tamiko zaho. Engaho ho ramesy Anera noho Eskola noho Mamre ty anjaran-drozy."

Chapter 15

¹Tafara raha rey le avy tamy i Abrama tamy ty fahita ty safa i Yaveh, nanao hozao: "Ka matahotsy, Abrama! Zaho ro fiaronao noho valiso bevata bibiky ho ty ahy nao." ²Hoasa Abrama hoe: Tompo Yaveh e, ino ro hameanao ahy, safe tsy mbo mana anaky avao zaho, sady i Eliziera baka Damaskosy any ro mpandova ty tsanoko?"³ Hozao ty asa i Abrama: " Safe tsy nameanao tariha zaho, le ingo, ty mpitandraky raharaha ty tsanoko ro mpandova ahy."⁴Bakeo, le ingo, avy taminy ty safa i Yaveh, nanak hozao: " Tsy ho mpandova anao lahilahy zay; fa ze baka amy ty nofotsinao avao koa ro hanjary mpandova anao." ⁵Le nanday azy niboaky Ie, sady nanao hozao: " Hentao ty lanitsy, sady Isaho basia rey, laha afaky ty hanitsaky rey iha." Bakeo nivola taminy Ie hozao: " Le hanahaky ty tarihanao rey zay."⁶Nanenky an'i Yaveh ie, sady nisahiny ho fahamarinanao ho azy zay.⁷ Nivola taminy Ie hozao: " Zaho ro Yaveh, ze nanday anao niboaky baka amy ty Ora ty Kaldeanina ao, mba hanome anao ty tany toy mba handova zay." ⁸Hoy ie hozao: " Tompo Yaveh, ino ro hahaizako fa handova zay zaho?"⁹Bakeo hoy Ie taminy hozao: " Andaiso anak'aomby vavy telo tao zaho, aosy vavy telo tao, aondry telo tao, pizon,sady anaky pizon."

¹⁰Nandesiny taminy eo iaby rey, sady nanapaky ho roe rey, ka le nampipetsaky ty ilany kirakiraiky baka nifanatsiky, fa voro rey koa tsy nizarany.¹¹ Laha vo nijotso tanabo ty karakasy rey voro ty haza, le niroahy i Abrama ndrozy.¹²Sady lafa nilentiky ty masoandro, le nanjary azon-droro maré i Abrama sady, ingo, nisy haiky noho nampihorohoro nidodo azy. ¹³Le nivola tamy i Abrama i Yaveh hozao: "Embeno soa fa ty tarihanao le hovahiny amy ty tany ze tsy androzy, sady ho andevozy noho ampijalie zisiky ty efatsy tao."¹⁴Hitsara ty firenea ze ho mpiasan-drozy zay Zaho, sady lafa afaky zay le niboaky niaraky amy ty fanana lako ndrozy. ¹⁵Fa iha le ho amy ty razambenao any am-piadiana, sady halevy amy ty haantitsy.¹⁶ Amy ty tariha faha efatsy any le ho avy etoa ndraiky ndrozy, fa ty heloky Amorita ro tsy mbo nahatsatsy ty farany.¹⁷Lafa nilentiky ty masoandro sady maiky, le ingo, nisy valany niboaky setsok'afo noho fanilo nandalo tanivo ty raiky eo. ¹⁸Tamy ty andro io le nanao fanekea niaraky tamy i Abrama i Yaveh, nanak hozao: "Hameako ho ahy ty tarihanao etoa ty tany toy, manomboky amy ty renirano i Egipta ka le zisiky amy ty renirano beveta any, Eofrata — ¹⁹Kenita rey, Kenizita, Kadmonita, ²⁰Hetita, Perizita, Refaita, ²¹Amorita, Kananita, Girgasita, sady Jebositaey."

Chapter 16

¹Sady Saray, valy i Abrama, le tsy mba niteraky aja ho anazy, fe nana mpiasa ampela raiky ie, ze Egyptiana, kaihy hozao: "Hagara."² Ka le hoasa Saray tamy i Abrama hoe: "Ingo, tsy nanenga ahy hanananaky Yaveh. Mandehana miroro miaraky amy ty mpiasa ampelako. zay vasa ro mety hahazoako anaky baka aminy." Nijanjy ty feo i Saray i Abrama.³ Folo tao tan-tany Kanàna ao ro nanomeza i Saray, valy i Abrama, an'i Hagara mpiasa ampelany Egyptiana, ho valiny. ⁴Ka le ty raiky tamy i Hagara ie, sady nibevoaka. Lafa hitany fa nibevoaka ie, le nanenty ty tompo ampela tamy ty fananova.⁵Sady hoasa Saray tamy i Abrama hozao: " Laha ty aminao avao raty mahazo amiko zao. Nameako ho antsatranao eo ty mpiasa ampela, sady lafa hitany fa nibevoaka ie, le nisotsafiny tamasony teo zaho. Enganie Yaveh ro hitsara ahy noho iha." ⁶Fa hoasa i Abrama tamy i Saray hoe: "Ingo, amy ty fahefanao eo ty mpiasa ampelanao, anovo aminy ze dinikinao ho mety bibiky." Ka le nanao fandaisa mahery taminy i Saray, ka le nilay azy.⁷Nahita azy tanila ty loharano raiky tan-tany any ty azy anjely i Yaveh iny, azy loharano tan-dala teny iny nana Sora any. ⁸Hoy ie hozao: "Hagara, mpiasa i Saray, baka aia iha sady handeha ho aia iha?" Sady hoy ie hozao: "Lomay an'i Saray tompo ampela zaho."⁹Ty anjely i Yaveh le nivola taminy hozao: "Mimpolia amy ty tompo ampelanao any, sady miareta amy ty fahefany."¹⁰ Sady Hoasa azy anjely i Yaveh iny taminy hoe: "Hampitombo Isa ty tarihanao vatany Zaho, hondy ka le tsy ampy isaky ndrozy."¹¹Hoy avao koa azy anjely i Yaveh taminy hozao: "Ingo, hobevoaka iha, sady hiteraky aja lahilahy, sady ty anarany le hanovinao hoe Ismaela, safe naharé ty fijalianao i Yaveh. Ho boriky ty lia ty olo ie. ¹²Ho raty ty olo iaby ie, sady ty olo iaby hirafy Aminu, sady hipetsaky lavitsy ty rahalahiny iaby ie."¹³Sady nameany an'i Yaveh ze niresaky taminy anara zay: " Iha ro Njanahary ze mahita ahy," fa hoy ie hozao: " Mbo mahita avao vatany va zaho, ba le tafara ty nahitany ahy aza?"¹⁴ Laha zay le nikaihy hoe Bera-lahai-roy azy fantsaka iny; ingo, anivo i Kadesa noho Bereda eo zay. ¹⁵Niteraky ty anakilahy i Abrama i Hagara, sady namea i Abrama anara hozao Ismaela ty anany, ze naterakiny, ze nateraky i Hagara. ¹⁶Valopolo enin'amby tao i Abrama tamy ty niterahany i Hagara an'i Ismaela ho anany.

Chapter 17

¹Tamy i Abrama sivampolo sivy amby tao, le niseho taminy Yaveh sady nivola taminy hozao: " Zaho ro Njanahary Tsitoha. Mandehana alohako eo, sady engao tsy hisy tsiny. ²Le hampahery ty fanekeko Tamiko noho iha eo Zaho, sady hanalako anao maré." ³Nandohaliky tamy ty tany Abrama sady nivola taminy Njanahary, nanak hozao: ⁴ " Laha ty Amiko, le ingo, aminao ty fanenkeako. Ho baba ty firenea lako iha. ⁵Tsy ho Abrana sasy ty anaranao, fa hanovy hoe Abrahamana --- safe nitingy anao ho baba ty firenea lako Zaho. ⁶Hahalako anao maré Zaho, sady hanoviko firenea lako iha, sady hisy mpanjaka ho baka aminao. ⁷Heriko ty fanenkeako Amiko eo noho aminao sady ty tariha afara, amy tariha farany rey ndrozy ho fanenkea tsy misy farany, mba ho Njanahariko noho an'i tariha afara anao Zaho. ⁸Hameako anao, noho tariha farany rey iha, ty tany nipetsahanao, le ty tany kanàna iaby, ho fanana zisiky farany, sady Zaho ho Njanahary ndrozy. ⁹Bakeo Njanahary nivola tamy i Abrahamana hozao: "Laha ty aminao, le tsy maintsy miemby ty fanenkeako, iha noho ty tarihako afaranao zisiky ty tariha ty fanambalian-drozy. ¹⁰Zao ro fanenkeako, ze tsy maintsy embenako, Amiko eo noho aminao sady ty tariha afaranao: Tsy maintsy savary ty lahilahy iaby aminareo eo. ¹¹Tsy maintsy savary ty nofotsy ty loha ty maha lahilahy nareo, ka le zay ro fahaiza ty fanenkea Amiko eo noho aminao. ¹²Ty aja lahilahy valo andro iaby aminao eo, zisiky ty tariha olo rey le tsy maintsy savary. Anainy ze teraky baka amy ty longonao noho ze nivilinao jala baka amy ty vahiny ze tsy raiky amy tarihanao ao. ¹³Tsy maintsy savary iaby ze teraky baka amy ty longonao noho ze nivily tamy ty lalanao ao. Amy zay ty fanenkea ro ho amy ty nofotsy nareo ao mba ho fanenkea zisiky farany. ¹⁴Ndra ia ndra ia ty lahilahy tsy misavatsy ze tsy nisavary ty nofotsy ty loha maha lahilahy azy le halà amy ty olo lakony. Nandika ty fanenkeako ie. ¹⁵Sady Njanahary nivola tamy i Abrahamana hozao: " Laha ty amy i Saraha valinao, le mba ka kaihy hozao Saray sasy ie. Fa koa, Saraha ro ho anarany. Hitahy azy Zaho, sady hameako anakilahy baka aminy iha. ¹⁶Hitahy azy Zaho, sady ho reny ty firenea lako ie. Zaho aminy mpanjaka ty olo rey. ¹⁷Bakeo nandohaliky tamy ty tany i Abrahamana, sady nihehy, la le nivola tam-pony rao hoe: "Le mbo hisy aja afaky nateraky ho ahy ty lahilahyvze fa zato tao va? Ino ro ahafaha i Saraha, ze fa sivam-polo tao, handay tsoky?" ¹⁸Hoasa i Abrahamana tamy Njanahary hozao: " Enganie Ismaela mba ho velo anilabao eo!" ¹⁹Hoasa Njanahary hozao: "Aha, fa Saraha valinao le hanome anakilahy ho anao, sady tsy maintsy anovinao hoe Isaka ty anarany. Haoriko aminy ho fanenkea zisiky farany miaraky amy tariha farany rey ty fanenkea. ²⁰Laha ty Ismaela, le fa reko iha. Ingo, mitsipi-rano azy Zaho, sady hampamokatsy azy, noho hampitombo azy maré. Ho baba mpitariky ty foko folo roa amby rey ie, sady hanoviko ho lasa firenea bevata. ²¹Fa ty fanenkeako le haoriko amy i Isaka, ze hateraky i Saraha ho anao amy ty fotoa manahaky zao amy ty tao manaraky. ²²Lafa baka niresaky taminy Ie, le nandeha niala baka amy Abrahamana eo Njanahary. ²³Bakeo Abrahamana le nangalaky an'i Ismaela anakilahy, noho ze iaby tamy ty longony ao, ty lahilahy iaby tamy ty tokatsano i Abrahamana ao, la le nanavatsy ty nofotsin-drozy tamy andro io, manahaky ty nivolan'Janahary taminy. ²⁴Sivampolo sivy amby tao i Abrahamana tamy ie nisavary ty maha lahilahy azy. ²⁵Folo telo amby tao Isamaela tamy ie nisavary tamy ty nofotsy. ²⁶Tamy andro io le samby vita savatsy i Abrahamana noho Ismaela anany. ²⁷Nisavary niaraky taminy ty lahilahy iaby ze ta tokatsanony rey ao, anay zay ze tareka baka amy ty tokatsanony rey ao noho nivily jala baka amy ty vahiny ao.

Chapter 18

¹Niseho tamy i Abrahama tanila ty hazo terebinta ty i Mamre eo i Yaveh, lafa nipetsaky tambaravara ty lay tamy ty misondrots'andro eo ie. ²Niandra ie sady, ingo, nahita lahilahy telo nitsanga tamy ty tandrify. Lafa hitany ndrozy, le nilailay hanenty androzy baka ambaravara ty lay eo ie sady nandohaliky tambany tamy ty tany eo. ³Hoy ie hozao: "Tompo, lana nahita sitsaky tamasonao eo zaho, le ka mba mandalo na niala mpiasanao toy. ⁴Engao hisy rano kelikely handesy, sasao ty tombonareo, sady mijanona ambany hazo eo. ⁵Engao zaho handay hany kelikely, mba hafahanareo mamelo ty vatanao. Lafa afaky zay le mahazo mandeha amy ty lalanareo, safe avy tamy ty mpiasanao nareo." Namaly ndrozy hozao: "Anovo nanahaky ty nivolania." ⁶Bakeo Abrahama nilitsy malaky tan-day ao tamy i Saraha aom sady nanao hozao: "Malaky, mandaisa koba soa intelo ty Sea, dinidiniho zay, sady anovo mofo." ⁷Le nilailay tamy ty mpiamby aondry i Abrahama any, sady nangalaky anak'aomby ze vondraky noho soa, sady nanome zay an'i azy mpiasa iny, sady nikoropaky hikarakara zay ie, ⁸Nangalaky abobo noho ronono, sady azy anak'aomby ze fa vita karakara iny, sady nampipetsaky ty hany taloha ndrozy eo, sady nitsanga tanilan-drozy eo tambany ty hazo teo ie laha mbo nihina ndrozy. ⁹Nivola tamin-drozy ie hozao: "Aia i Saraha valinao?" Namaly ie hozao: "Anay lay so." ¹⁰Hoy ie hozao: "Himpoly aminao atoy vatany zaho amy ty lahantao, sady indroe, hana anakilahy i Saraha valinao." Nijanjy tambaravara ty lay eo, ze tafarany eo i Saraha. ¹¹Sady fa antitsy Abrahama noho Saraha, nilitsy tao koa, sady fa nandilatsy ty tao ze hafaha ty ampela manday anaky i Saraha. ¹²Le nihehy ty vatany Saraha, nanao tamy ty vatany hoe: "Lafa tsy misy ilá ahy le ty Tompo ro antitsy, hana fahafinareta zay va zaho amizao?" ¹³Yave nivola tamy i Abrahama hozao: "Nanino to nihehy Saraha sady nivola hozao: 'Hana anaky vatany va zaho, na le antitsy aza zaho?' ¹⁴Le misy raha sarotsy bibiky va amy Yaveh? Amy ty fotoa voatondro, amy ty lohatao, himpoly aminao any Zaho. Amy fotoa zay amy ty ho avy le hana anakilahy i Saraha." ¹⁵Sady nandà zay Saraha sady nanao hozao: "Tsy nihehy zaho," safe natahotsy ie. Namaly Ie hozao: "Aha, nihehy vatany iha." ¹⁶Le nitsanga lahilahy rey mba handeha sady nanenty ta Sodoma any. Nandeha niaraky tamin-drozy i Abrahama mba hanenty androzy amy ty lalan-drozy eny. ¹⁷Fa hoasa Yaveh hozao: "Tokony avoniko amy i Abrahama va ze hanoviko, ¹⁸safe koa Abrahama le handraty firenea bevata noho mahery, sady firenea iaby anabo ty tany rey le ho tahy baka aminy eo? ¹⁹Fa nitingy azy Zaho mba hafahany mampianatsy ty anany noho ty longony rey hanoriky azy mba hiemby ty lalà i Yaveh, mba hanao ty fahamarina noho ty rariny, mba hafaha i Yaveh manday amy ty i Abrahama eo ze nivolaniny taminy." ²⁰nivola Yaveh hozao: "Safe bevata bibikyby fitaray ty amy i Sodoma noho Gomora, sady safe bevata bibiky ty fahotan-drozy, ²¹le nijotso any Zaho amizao sady hanenty ty fitoreva ty aminy ze avy tamiko, na nanao zay vatany ndrozy. Laha tsy zay, ke ho haiko." ²²Laha zay le niodiky bakao ty lahilahy rey, sady nandeha nana Sodoma any, fa Abrahama nijano nitsanga taloha i Yaveh eo. ²³Bakeo Abrahama namonjy sady nivola hozao: "Hifaoky ty marina miaraky amy ty raty fanahy va Iha?" ²⁴Vasa misy marina dimampolo amy ty tanà ao. Handrobaky zay va Iha sady tsy hamalo fo ty toera noho ty amy ty dimampolo marina ze ao? ²⁵sanatsia aminao ty hanao raha manahaky zay, mamono ty marina miaraky amy ty raty fanahy, mba hafaha manday ty marina nanahaky ty raty fanahy. sanatsia aminao zay! Tsy hanao ze marina va ty Mpitsara ty tany iaby? ²⁶Hoasa Yaveh hozao: "Laha mahita marina dimampolo an-tanà i Sodoma ao Zaho, le hamalo fo ty toera iaby noho ty amin-drozy." ²⁷Namaly i Abrahama sady nanao hozao: "Ingo, nanenky ty nivolaniko taminy ty Tompoko, na le lemboky noho lavenoky avao aza zaho! ²⁸Nanino laha latsaky limy ty dimampolo marina? Handrava ty tanà iaby noho ty limy tsy ampy va Iha?" Le hoy Ie hozao: "Tsy handrava zay Zaho, laha mahita efapolo limy amby ao." ²⁹Le mbo nivola taminy ndraiky ie, sady nanao hozao: "Nanino laha misy efapolo hita ao?" Namaly ie hoe: "Tsy hanao zay noho ty efapolo Zaho," ³⁰Hoy ie hozao: "Azafady la meloky, Tompo, mba hafahako mivola. Vasa telopolo ro ho hita ao." Namaly Ie hozao: "Tsy hanao zay Zaho, laha mahita telopolo ao." ³¹Hoy ie hozao: "Ingo, nanenky hivola tamy ty Tompoko zaho! Vasa ropolo ro ho hita ao." Namaly Ie hozao: "Tsy handrava zay noho ty ropolo Zaho." ³²Hoy ie hozao: "Azafady la meloky, Tompo, sady hivola toy farany zaho. Vasa folo ro ho hita ao." Le nivola Ie hozao: "Tsy handrava zay noho ty folo Zaho." ³³Nandeha tamy ty lalany i Yaveh le vo avy niresaky tamy i Abrahama, sady Abrahama nimpoly noly.

Chapter 19

¹Ny avy ta Sodoma ao ty anjely ty roe rey lafa hariva, laha mbo nipetsaky tambarava i Sodoma eo i Lota. Hita i Lota ndrozy, nitsanga hitsena androzy, sady nampandohaliky ty tarehiny tamy ty tany. ²Hoy ie hozao: "Tompo, mangataky anareo lahy zaho mba hivio an-tsano ty mpiasanareo ao, Mienena ao nandroany haliky, sady sasao ty tombonareo. Le afaky nifoha vo maraindray nareo sady mandeha amy ze lala andehana nareo. Namaly ndrozy hozao: "Aha, handany ty haliky amy ty kianja ty tanà eo zahay." ³Fa nangataky maré ndrozy ie, ka le niaraky taminy ndrozy, sady nilitsy tan-tsanony tao. Nihina hany noho nanandy mofo tsy misy sira ie, le nihina ndrozy. ⁴Fe taloha ty niroroan-drozy, ty lahilahy ty tanà, ty lahilahy i Sodoma, le niodidy ty tsano, ty tanora noho ty antitsy, ty lahilahy iaby baka amy ty faritsy ty tanà rey. ⁵Nikaihin-drozy Lota, ka le nivola taminy hozao: "Aia lahilahy ze avy taminao tamy nandroany haliky tato rey? Andeso aminay atoy ndrozy, mba hafahanay miaraky miroro amin-drozy." ⁶Ka le niboaky ty varavara ho amin-drozy eo i Lota sady nanily ty varavara tafarany tao. ⁷Hoy ie hozao: "Rahalahiko, mangataky anareo zaho, mba ka manao raha raty maré. ⁸Ingo, maba anak'ampela roe ze tsy mbo niaraky niroro tamy ty lahilahy zaho. Engao zaho, mifona aminareo zaho. andesiko aminareo eto rey, sady anovo amin-drozy ze soa amasonareo eo. Mba ka manao ndra ino ndra ino amy ty lahilahy rey, safe avy baka ambany ato ty aloky ty tafoko ndrozy." ⁹Hoasan-drozy hozao: "Mialà!" Hoasan-drozy avao koa hoe: "Raiky toy le niavy teto mba hipetsaky ho vahiny, sady vo zao ndraiky ie ro hanjary mpitsara antsika! Sady amizao le hanao ze raty bibiky miaraky aminao noho ty miaraky amin-drozy zahay." Nanosiky maré nanohitsy an'i azy lahilahy iny ndrozy, nanohitsy an'i Lota, sady nanarikitsy mba hanaky ty varavara. ¹⁰Fa lahilahy nanonjotsy ty tanan-drozy noho naninto an'i Lota hilitry an-tsano ao hiaraky amin-drozy rey sady nanily ty varavara. ¹¹Sady vahiny i Lota rey ro nahahijiky ty lahilahy ze tambaliky ty varavara ty tsano, mba hahavy an-drozy le vozaky laha niezaky nihilia ty varavara ndrozy. ¹²Le nivola tamy i Lota lahilahy rey Hozao: "Mbo misy olo hafa va aminao ato? Vinanto lahilahy, anakilahinao noho anak-ampelanao rey, sady ze hanananao amy tany toy eo, le andeso miboaky eto ndrozy. ¹³Le fa ho ravanay toere toy, safe ty fihantona zay anila i Yaveh eo ro avy maré bibiky ka nirahiny handrava zay zahay. ¹⁴Nandeha i Lota sady nampanambara vinantony lahilahy rey, ze lahilahy da nampanantena hanambaly ty anak'ampelany rey, sady nivola hozao: "Malaky, mialà amy toera toy nareo, le fa horavà i Yaveh tanà toy." Fa tamy vinantony lahilahy rey le nanahy ty somonga ie. ¹⁵Vo naraindray ty andro, le nifona tamy i Lota anjely rey, nivola hozao: "Mandehana, andeso ty valinao noho anak'ampelanao roe rey ze eto, mba tsy horava koa iha amy ty fanasazia ty tanà. ¹⁶Fe nivembé ie, Le nitandrahany lahilahy rey ty tanany, noho ty tana ty valiny, sady ty tana ty anak'ampelany roe rey, safe bevata famalozam-po taminy i Yaveh. Nandesin-drozy niala ndrozy, sady napetsan-drozy ambaliky ty tanà. ¹⁷Lafa tafa-boaky ndrozy tambaliky any ndrozy, le nivola ty raiky tamy ty lahilahy hozao: "Milaisa ho amy ty ainareo! Mba ka mimpoly, na mijano amy ty tany mando. Milaisa ambohitsy any mba tsy ho rava nareo." ¹⁸Hoasa i Lota tamin-drozy hozao: "Tsy re tompoko e! ¹⁹Fa nahita sitsaky tamasonao teo ty mpiasanao, sady fa nampiseho ty amasonao ty hasoam-panahy bevata tamiko iha tamy ty namonjeanao ty aiko, fe tsy afaky ty hilay ho ambohitsy any zaho, safe hahatsatsy ahy ty loza, sady ho maty zaho." ²⁰Fa ingo, tanà roy le mariny vatany le azo ilaisa soa, sady kelikely ie io. Tompoko, enganie lahy zaho hilay ao (tsy kelikely va io?), sady le ho voa sarombaky ty aiko." ²¹Hoy ie taminy hozao: "Eka moa, enkeko avao koa fangatahanao zay, fa tsy hampitoro ty tanà ze nivolaninao teo zaho. ²²Malaky! milaisa any, fa tsy afaky hanao ndra ino ndra ino zaho zisiky ty hiavianao any." Laha zay ro nikaiha ty tanà hozao: Zoara. ²³Fa niboaky tamy ty tany ty masoandro lafa niavy ta Zoara ao i Lota. ²⁴Le nandatsaky havandra noho afo baka an-danitsy tamy i Sodoma noho Gomora any i Yaveh. ²⁵Nitorony tanà rey, noho ty mando iaby, noho mpipetsaky iaby tamy tanà ao rey, sady raha-mitiry ze nitiry tamy ty tany rey. ²⁶Lafa valy i Lota, ze tafarany tao, sady le lasa bonga sira ie. ²⁷Nifoha vo maray i Abrahama ka le nana amy azy toera ze nitsanganany tanila i Yaveh iny any. ²⁸Nijilo an'i Sodoma noho Gomora noho ty tany mando iaby ie. Nanenty ie ka le ingo, niakatsy nanahaky ty setsotsiky ty laforo bevata ty satsoky baka amy ty tany. ²⁹Sady lafa nandrava ty tany mando rey Njanahary, le nahatoaro an'i Abrahama. Nandesiny niala baka anivo ty fandrava i Lota ao lafa nandrava ty tanà ze nipetsaha i Lota Ie. ³⁰Le niakatsy baka Zoara ao i Lota mba hipetsaky any amy ty vohitsy niaraky tamy anak'ampelany roe rey ao, safe natahotsy ty hipetsaky ta Zora ao ie. Nipetsaky tanay ty lava-bato raiky ie, ie noho anak'ampelany roe rey. ³¹Hosa ty anak'ampela velohany tamy ty zainy hozao: "Fa antitsy ty baba-tsika, sady tsy misy lahilahy hiaraky hiroro amintsika manahaky ze fanovy ty tany iaby toy. ³²Avia, Andao hampinomintsika divay ty baba-tsika, sady hiaraky hiroro aminy tsika, mba hafahatsika manitatsy ty taraha ty baba-tsiky." ³³Ka le nampinomin-drozy divay ty babany tamy halikio. Bakeo le nilitsy azy anak'ampela velohany iny sady niroro niaraky tamy ty babany; fe ie tsy nahay ty fotoa ze niroroany, na ty nifohazany. ³⁴Lafa hamaray le nivola tamy ty zainy azy anak'ampela velohany iny hoe: "Janjino, niroro niaraky tamy ty babako zaho nankaly. Ka le andao hampinomintsika divay avao androny haly, sady tokony

mility ao iha sady miroro miaraky aminy, mba hafahatsika manitatsy ty tariha ty baba-tsika." ³⁵Ka le nampinomindrozy divay ndraiky ty babany tamy halikio, sady nandeha niroro niaraky taminy azy zainy iny. Tsy nahay ze niroroany ie, na ze nifohazany. ³⁶Laha zay le samby mana anaky tamy ty babany ty anak'ampela i Lota rey. ³⁷Ty anak'ampela velohany ro niteraky aja lahilahy, sady nikaihy hozao i Moaba. Ie ro nanjary razambe ty Moabita amizao. ³⁸Sady azy anak'ampela farany iny, le niteraky aja lahilahy avao koa, sady nikaiky azy hozao i Benamy. Nanjary razambe ty tariha i Amona ie amizao.

Chapter 20

¹Nandeha niala teo Abrahama ka le nana amy ty tany Negeva any, sady nipetsaky tanivo i Kadesa noho Sora any. Vahiny nipetsaky ta Gerara any ie. ²Nivola ty mikasiky an'i Saraha valiny Abrahama hozao: "Anabaviko ie." Laha zay le nandefa lahilahiny rey i Abrahama mpanjaka i Gerara sady nalan-drozy i Saraha. ³Fa Njanahary niseho tamy i Abimeleka tamy ty nofy ty haliky, sady nivola taminy hozao: "Ingo, ho maty iha ty lahilahy noho ty ampela nalanao, safe valin'olo ie." ⁴sady Abimeleka tsy hanariny azy le hoy ie hozao: "Tompo, ho vononao koa va na le ty firenea marina aza?" ⁵Tsy ie avao va ro nivola tamiko hozao: 'Anabaviko ie?' Na ie vatany aza le nivola tamiko hozao; 'Anadahiko ie.' Nanoviko tamy hatsoram-po zay sady tamy ty tanako tsy manan-tsiny. ⁶Bakeo njanahary nivola taminy tamy ty nofy hozao: "Eka, fa haiko koa fa tamy ty fatsoram-po ro nananovako zay, sady fa niaro anao tsy hanonta amiko avao koa zaho. Laha zay, tsy hanenga anao hikasiky azy koa zaho. ⁷Ka laha zay, ampolio ty valy ty lahilahy, fa to resaky ie. Fa hivavaky aminao ie, sady ho velo iha. Fa laha tsy ampolinao ie, le haiko fa tena ho maty iha noho ze iaby iha." ⁸Nifoaha maraindray biby i Abimeleka sady nikaiky mpiasany rey iaby ho aminy eo. Nivolaniny tamin-drozy raha iaby zay, sady le natahotsy mare lahilahy rey. ⁹Bakeo i Abimeleka nampikaiky ty an'i Abrahama ka le nanao taminy hozao: "Ino ty nanovinao taminay?" Nanao akory ty nanontako taminao, ro le nanday fahota bevata tamiko eo noho ty fanjakako iha? Nanovinao tamiko ze tsy tokony hanovy. ¹⁰Hoasa Abimeleka tamy i Abrahama hozao: "Ino ro nanosiky anao hanao ze raha zao?" ¹¹Abrahama nivola hozao: "Safe nandiniky zaho hozao: 'Azo antoky fa tsy natahotsy an'i Njanahary amy toera toy, sady hamono ahy ndrozynoho ty amy ty valiko." ¹²Sady koa, anabaviko vatany ie, anak'ampela ty babako, fa tsy anak'ampela ty reniko; sady le nanjary valiko ie. ¹³Lafa nahavy ahy hiala ty toka-tsano ty babako noho nampifalofalo toera ahy Anjanahary, le hoasany tamiko amy ty maha valiko anao ty fatokisa toy: amy ze toera iaby ze andehanan-tsika, le volano ty momba ahy hozao: "Anadahiko ie." ¹⁴Bakeo le nangalaky aondry noho aomby, andevo lahilahy noho ampela i Abimeleka, sady nanome an'i zay i Abrahama. Bakeo nampoly tamy i Saraha any, valiny i Abrahama. ¹⁵Hoasa i Abimeleka hozao: "Ingo, aloha nao eo ty taniko. Mipetsaha amy ze mety aminao. ¹⁶Hoy ie tamy i Saraha hozao: "Ingo, nameako sekely folafoty arivo raiky ty anadahinao. Zay ro mba ho takomaso amy ty fandikan-dala nanovy aminao tamaso olo iaby ze miaraky aminao eo, tena nanao ty marina iha." ¹⁷Bakeo Abrahama nivavaky tamin-Janahary, le Njanahary ro nahajanga an'i Abimeleka, ty valiny noho ty andevo ampelany mba ahahaizan-drozy mahazo anaky. ¹⁸Safe Yaveh ro nahavy ty ampela iaby tan-trano i Abimeleka tao ho tsy hiteraky mihintsy, noho i Saraha, valy Abrahama.

Chapter 21

¹Nijan'ny ah'i Saraha amy ze fa novolaniny hanovony Yaveh, sady le nanovy Yaveh tamy i Sarahaamy ze fa nampitamaniny. ²Trony Saraha sady niteraky anaky lahy tamy Abrahama tamy ty fahanterany, tamy ty fotoa voatingy ze fa nivolanin-Jnahary taminy. ³Abrahama nanome anara ty anak'ilahiny, azy nateraky ho tiazy, ze natera i Saraha ho tiazy, hoe Isaka. ⁴Nosavary i Abrahama Isaka anakiny tamy ie valo andro, tamy ze nandilian-Janahary azy. ⁵Zato tao i Abrahama lafa teraky ahy Isaka ananay. ⁶Hozao hoasa i Saraha: "Fa nampihehezan-Jnanahary zaho; ty olo iaby mahare ahy le hiarak'ny hihomehy amiko." ⁷Hoasany avao hoe: "Ia moa ro afaky hivola tamy Abrahama fa hiteza aja Saraha, fe niteraky aja lahilahy ho tiahy tamy ty faha antitsiny zaho!" ⁸Nihabe ty aja le nala nono, sady Abrahama nanao fety tamy fotoa nagnala nono ahy Isaka. ⁹Sahara nahitaky ty anaky Hagara Egyptiana, ze naterany tamy ty Abrahama, nandraty azy. ¹⁰La hoy tiasany tam'i Abrahama: "Roaso ampela andevo io noho ty anany: fa ty anaky andevo ampela io tsy hiharo lova amy ty anako, le Isaka." ¹¹Raha zay le vatany nahaferinay an' Abrahama noho amy ty anany. ¹²Fa hozao ty asan-Janahary tamy Abrahama: Ka malahelo amy ty aja lahilahy, noho ty mpiasanao ampela. Janjino ty safa iaby ze volaniny anao mikasiky ze raharaha zay safe baka amy Isaka ro hanomeza ty taranakinao. ¹³Hanoviko firenana avao koa ty anany ty mpiasanao ampela, safe taranakinao ie." ¹⁴Nifoha maray Abrahama, nangalaky mofo noho siho holitsy nisy rano, le nameany ahy Hagara zay, nengany tan-tsorokiny. Nameany azy ty anaky lahilahy sady nampaniny alavitsy. nandeha Hagara le nikarikarioky ta an-tany efitsy Beri-sheba. ¹⁵Lafa lany ty rano tanay ty siho holitsy, le nenga i Hagara tam-poto ty hazo raiky ty aja. ¹⁶Bakeo nandeha ie le nipetraky lavi-davitsy kely tamy azy nisy any aja iny, mindra ho halavitsy ty fandefasa kititsy teo, fa hoy tiasany hoe: "Engaho zaho tsy hagnety ty hahafaty ty aja." Sady nipetraky tandrify azy ie, le nanondrotsy ty feony le nitagny. ¹⁷Njanahary nahare ty feo ty aja lahilahy, sady ty anjelin-Janahary nikaiky ahy Hagara baka an-danitsy, le nivola taminy hozao: "Ino ty probleminao lahy Hagara? Ka mavaka fa ren-Janahary ty feo ty anakinao lahy amy ze nipetrahany. ¹⁸Miongaha atsangano ty aja le amangino ie, fa Izaho hanao azy ho firenana bevata." ¹⁹Bakeo Njanahary nampagnety ty masony, le nahitaky fanjaka ie. Le nandeha ie nanatsiky rano ty siho holitsy le nampinon-drano ahy aja iny. ²⁰Narovan-Janahary aja iny, sady nihabe ie. Nipetraky tan'efitsy ie le nanjary mandefa kititsy. ²¹Nipetraky tan- tany efitsy Parana ie, sady nangala ty reninny valy baka Egypta. ²²Tamy fotoa zay i Abimelaky noho Pikola be ty miaramilanny nivola tammy Abrahama le nivola hozao: "Njanahary le nitahy anao amy ze raha iaby nanovinao. ²³Henanizao lafa zay mifanta` amiko eto anatrehan-Janahary fa tsy hanao raty amiko iha, ndra ty anakinao, ndra ty taranako iha. Ampanentao ahy noho amy ty tany ze hipetrahanao toy ty fahatokiam-panenkea ze natoroko taminao." ²⁴Hoasa i Abrahama hoe: "Hifanta zaho." ²⁵Nitaray tamy Abimelaka avao koa Abrahama mikasiky ty lavaky fantsaka nirava ty mpiasa i Abimelaka taminy. ²⁶Hoasa i Abimeleka hoe: "Tsy haiko ze nanao raha zay. Tsy nivola zay taloha tamiko iha; tsy mbo nahare mikasiky zay zaho laha tsy nandroany." ²⁷Lafa zay Abrahama le nangalaky aondry noho aomby le nameany ahy abimeleka, le nanao fifanarah ndrozy roe lahy. ²⁸Nitingy anak'aondry vavy fito tamy ty aondry reo Abrahama. ²⁹Hoasa i Abimeleka tamy Abrahama hoe: "Ino ty dika ty anak'aondry vavy fito nitingininanao retoa?" ³⁰Namaly hozao ie: "Ty anak'aondry vavy fito retoa le ho rambesinao baka amy ty tananako, mba ho vavolombelo amiko, fa zaho ro nandavaky ty fantsaka toy." ³¹Le nokaihiny hoe Beri-sheba toera io, safe teo ro nnifantandrozy roe tonta. ³²Ta Beri-sheba ndrozy roe lahy ro nanao fifanarah, baka ta Abimeleka noho Pikola lehibe ty miaramilany nimpoly mbamy tany Filistina reo. ³³Namboly kily ta Beri-sheba i Abrahama. Nanompo ahy Yaveh, azy Njanahary mandrakizay tao ie. ³⁴Nipetraky ho vahiny naharitsy fotoa maro tamy ty tany ahy Filistina i Abrahama.

Chapter 22

¹Sady tafara ty raha lako reo ro nitsapan-Janahary ahy Abrahama. Hozao tiasany aminy: " Ry Abrahama!" ²Hoasa i abrahama hoe: "Toy zaho." Hoasan-Janahary bakeo hoe: "Alao ty anakinao lahilahy, azy lahy tokanao, ze teanao, le Isaka, sady andeso amy tana i Moria any. Atoloro any manahaky ty fanatitsy oroa anabo ty raiky amy ty vohitsy any, ze ho volaniko anao ie." ³Le nifoha maraindray be Abrahama, nanisy lasely ty borikiny sady nangalaky pamaraky roe hiaraky aminy noho Isaka anany lahilahy. Notapahiny ty hazo ho amy ty fanatitsy oroa, baka eo le nanomboky ty liany ho amy ty toera nivolanin-Janahary taminy. ⁴Tamy ty andro fahatelo Abrahama le nila sady nahitaky toera iny baka lavitsy. ⁵Hoasa i Abrahama tamy ty mpiasany hoe: " mijanona eto miaraky amy ty boriky fa zaho noho anakilahy handeha ho eny. Hanao fanompoa zahay le himpoly aminareo etoa ndraiky." ⁶Bakeo le nandramby ty hazo ho amy ty fantitsy horoa i Abrahama sady nametraky zay tamy Isaka anany. Nandesiny tantanany ty afo noho ty meso; le niaraky nandeha ndrozy roe. ⁷Nivola tamy Abrahama babany Isaka hoe: " Ry babako," le hozao tiasany; " Toy zaho anako." henteo, ndreto a ty afo noho ty hazo fa aia ty aondry ho anovy fanatitsy oroa?" ⁸Hoasa i Abrahama hoe: Njanahary mihintsy ro hanome ty aondry ho hanovy fanatitsy horoa, lahy anako." le nandeha niaraky ndrozy roe. ⁹Lafa niavy tamy ty toera ze nivolanin-janahary azy ndrozy le nanamboatsy alitara Abrahama sady nametraky azy hazo iny tanabo teo. Bakeo le namehy ahy Isaka anakiny ie sady nametraky azy tanabo ty alitara, anabo ty haazo. ¹⁰Nanenja ty tanany Abrahama sady nangalaky ty meso hamonoa ty anany. ¹¹Bakeo le nikaiky azy baka an-danitsy ty anjely Yaveh sady nivola hoe: " Abrahama, Abrahama!" le hoasany hoe: "inty zaho."Hozao tiasany: ¹² Ka manenja ty tananao amy ty anakilahinao, ndra manao raha handratsy azy safe haiko henanizao fa matahotsy an-janahary iha lafa hita fa tsy niaro y anakilahinao, azy anakinao lahi-toka, baka amiko iha. ¹³Nitoliky Abrahama le ingo nisy aondry lahy nipaky tamy ty akata rey ty tsifany. Nanddeha abrahama sady nangalaky azy aondry lahy iny sady nanoviny fanatitsy oroa zay ho solo ty anakilahiny. ¹⁴Le nokaihiny Abrahama hoe: "Yaveh ro nanome" azy toera iny, sady nambarany zisiky amy fotoa zao hoe: "Amy ty vohitsy Yaveh eny ro hanomeza." ¹⁵Nikaiky ahy Abrahama fanin-droe baka an-danitsy ty anjely Yaveh ¹⁶sady nivola hozao- zao ty fanambara Yaveh- amy ty vatako ro nifantako fa safe nahavita zay raha zay iha, sady tsy niaro ty anakilahinao, azy anakinao lay toka, ¹⁷hitahy anao vatany zaho sady hampitombo lako taranakinao reo manahaky ty kintana an-danitsy rey noho manahaky ty fasy amoro ty riaky; sady ty taranakinao rey le ho tompo ty vavahady ty vahavalon-drozy reo. ¹⁸Firenena iaby anabo ty tany rey le ho tahia amy ty alala ty taranakinaosafe nanoriky ty feoko iha." ¹⁹Lafa zay le nimpoly tamy ty pamarakiny i Abrahama, le niongaky niaraky mba-Beri-sheba, sady nipetraky ta Beri-sheba ie. ²⁰Tafara raha reo ro nivolana tamy Abrahama hoe: "niteraky aja tamy Nahora rahalahinao koa i Milka." ²¹Le i Oza ze talanolony,Boza rahalahiny, Kemoela baba i Arama, ²²Kaseda, Hazo, Pildasy, Jidiafa sady Betoela. ²³Le i Betoela niteraky ahy Rebeka. Aja valo rey ro naterak'iMilka tam'i Nahora, rahalah'i Abrahama. ²⁴Sady ty valintsindranony ze nikaihiny hoe Reoma avao koa le niteraky ah'i Teba, Gahama,Tahasy sady Meaka.

Chapter 23

¹Niay fito amby roapolo amby zato tao i Saraha. Zay ty tao nian'i Saraha. ²Nimaty ta Kiriata Arba i Saraha laha 'zay ie Hebrona, tamy tany Kanana tao. Nisaona noho nitany ahy Saraha i Abrahama³Bakeo le nitsanga le niongaky baka amy ty faty ty valiny eo, sary niresakky tamy ty anakilahy Heta rey, nanao hozao: ⁴"Vahiny aminareo eto zaho. mba ameo toera fandevena aminareo eto lahy zaho, mba hafahako mandevy ty faty ze ahy."⁵Namaly an'i Abrahama ty anakilahy Heta rey, nanao hozao: " ⁶Mijanjina anay, lahy tompoko. Mpanjaka ben-Janahary aminay eto iha. Aleveno amy ty lolo ze notingininao mare ty faty ty valinao. Tsy misy ndra ia ndra ia aminay ro tsy hanenky lolo zay ho tiahinao, mba hafahanao mandevy ty faty ty valinao."⁷Nitsang Abrahama le nandohaliky tamy ty olo tan-toera teo rey, tamy anakilah'i Heta rey.⁸ Nivola tamin-drozy ie, nanao hozao: "Laha manenky nareo fa tokony handevy ty faty ty valiko zaho,le janjino zaho sady angataho i Efrona anakilah'i Zohara, ho tiahy. ⁹Angataho ie mba hamarotsy amiko azy avaky ty vato i Makpela,ze tiazy, amy fara ty baibohony any. Amy ty viliny atsiky le enganie ie hamarotsy zay amiko am-pahibe maso hanahaky ty fanana ho toera fandevena."¹⁰Nipetraky tamy ty anakilahy'i Heta teo Efrona, sady Efrona azy Hetita namaly an'i Abrahama mba ho re ty anakilah'i Heta rey,noho ze niavy iaby ta vavahady ty tanany, nanao hozao: " ¹¹Aha, lahy tompoko, janjino zaho. Nanome baibo anao zaho, noho ty lava-bato amy zay ao. Nameako ho tiahinao tanila ty anakilahy ty oloko rey teo zay. Ameako anao zay mba handevenanao ty faty ze ahinao."¹²Bakeo Abrahama nampandohaliky ty vatany tan-toera taloha ty olo teo. ¹³Nivola tamy Efrona ie mba ho re ty olo tamy tana teo, nanao hozao: " Fe laha enkeninao, janjino lahy zaho. Ho viliko ty baibo. Rambeso ty drala baka amiko, sady handevy ty faty ty valiko eny zaho."¹⁴Namaly an'i Abrahama Efrona nanao hozao: ¹⁵"Engaho lahy, tompoko,janjino ahy zaho. Sekely volafoty efajato ro sahaza ty pan-kilan-tany raiky, hisy dikany iino amiko noho aminao va zay? Aleveno ty faty ty valinao."¹⁶Nijanjiny Abrahama i Efrona le nonjoniny ho a Efrona any ty fatsy ty volafoty ze niresahany mba ho re ty anakilah' i Heta rey, sekely volafoty efajato, araky ty fandana-ja mahatsy ty mpamarotsy.¹⁷Lafa zay ty safa i Efrona, ze ta Makpela tao, tanila i Mamre teo, zay hoe, azy baibo, azy lava-bato ze amizay ao,noho ty hazo iaby ze amy ty tany noho ty mihodidy ty sisiny rey eo, le niazo i ¹⁸Abrahama tamy ty fivilia zay tanila ty anakilah'i Heta rey teo, tanilan-drozy iaby ze niavy tamy ty vavahady ty tanany teo.¹⁹Tafaran'zay, le nandevy an'i Saraha valiny tamy azy lava-bato azy baibo i Makpela i Abrahama, ze tanila i Mamre,zay hoe, Hebrona, tamy ty tany Kanana.²⁰ Lafa ze ty baibo noho ty lava-bato ao ze nanjary fanana i Abrahama ho toera fandevena, zay le baka amy ty anakilah'i Heta rey.

Chapter 24

¹Le vatany antitsy mare Abrahama sady nitahin-Janahary tamy ty raha iaby. ²Hoasa i Abrahama tamy ty piasany, ze talanolo mare tamy ty longony sady nanapaky tamy ty ze iaby ananany hoe: "Engaho ambany ty feko ty tananao³ sady ampifantako amy Yaveh, azy Njanahary ty lanitsy noho Njanahary ty tany iha, mba tsy hangalaky valy ho ty ahy anakilahiko baka amy ty anankam-pela i Kananita rey, ami-drozy eo ze hanamboarako ty fipetsahako. ⁴Fa handeha ho amy ty fireneko iha, amy ty longoko rey, le mangala valy hoahy Isaka anakilahiko." ⁵Hozao ty asa i piasany taminy: "Manao akory va laha tsy vonona ty handeha hanoriky ahy bakao ho an-tany etoy azy ampela iny? Tsy maintsy handay ty anakinao himpoly amy ty tany niboahanao va zaho?" ⁶Le hozao ty asa i Abrahama taminy: "Azo antoky ty tsy hanandesanao ty anakilahiko himpoly any! ⁷Yaveh, azy Njanahary ty lanitsy, ze nangalaky ahy baka antrano ty babako noho baka amy ty ty longoko sady nampitama ahy tamy ty fiaina malaza nivola hoe: 'Ameako ho ahy ty tarihanao tany toy,' le ro naniraky ty anjeliny ho aloha nao sady hahita valy ho ty ahy anako any iha. ⁸Fe laha tsy vonona ty hanoriky anao azy ampela iny le hoafaky amy ty fantako iha. Tsy tokony handay ty anaky himpoly any avao iha." ⁹Le nanenga ty tanany tambany ty fen'i Abrahama tompony azy piasany iny, sady nifanta mikasiky ze raharaha zay. ¹⁰Nangala ty piasany folo tamy ty rameva ty tompony le nandeha ie. Nanday ty kila fanomeza iaby baka amy ty tompony avao koa ie. Niongaky ie le nandeha tamy ty faritsy Arama Naharaima, tany amy tana i Nahora. ¹¹Napetrakiny ta ambaliky ty tana tan ilany fantsakan-drano teo ty rameva rey. Hariva tamy zay, fotoa fiboaha ty ampela hangalaky rano. ¹²Hoasany lafa bakeo: "Yaveh, Njanahary aabrahama tompoko, ameo ahy henanikio ty fitahia sady atoro ty tsy fivaliham-panenkea amy Abrahama tompoko. ¹³Ingo, toy zaho mitsanga anila ty loharano eto, sady miboaky mba hangalaky rano ty anakam-pela ty tana ty olo. ¹⁴Enganie ho tanteraky manahiky zay zao. Lafa mivola amy ty ampela raiky hozao zaho: 'Mba ampijotso lahy ty siho-nao mba ahafahako mino,' le mivola amiko hozao ie: 'minoma, sady hameako rano avao koa ramevanao rey,' le enganie ho ie azy raiky ze nitingininao ho ahy Isaka mpiasanao. Amy zay ro ahitako fa nampitoto tsy fivaliham-panenkea tamy ty tompoko iha," ¹⁵Mbo tsy tampitsy aza ty safany, le ingo, niboaky niaraky tamy bty sihon- dranony tan-tsorikiny teo i Rebeka. Naterak'i Betoela i Rebeka, anakilah'i Milka, valin'i Nahora, rahalahy'i Abrahama. ¹⁶Ampelasoa vatany azy ampela iny sady o tsy nahasaky lahy. tsy mbo nisy lahilahy nandry taminy. nandeha nijotso tamy azy loharano teny ie le nanatsiky ty sihoany, le niongaky. ¹⁷Le nilomay mba ho hifanojiky aminy azy mpiasa sady nivola hozao: "Mba ameo ranno kelikely hinomiko amy ty sihonao lahy zaho." ¹⁸Hozao tiasany: "Minoma, tompoko," sady nampijotsoany malaky ho an-tany azy siho iny, le nameany rano ie. ¹⁹Lafa baka nanome ho ninomy ho tiazy ie, le nivola hozao: "Hitaritako rano avao koa ty ramevanao, zikisy ty hinoman-drozy baka amy farany." ²⁰Ke nailiny malaky sady niritiny ty rano tanay ty sihoany ho anmy ty kopy finoma, sady nimpoly nilomay nandeha amy ty fantsaka mba hangalaky rano ie, sady nangalaky rano ho ahy ty ramevany iaby rey. ²¹Nanerinery ay mangingiky azy lahilahy iny mba ahitany laha nanamby ty liany Yaveh na aha. ²²Lafa baka ninon-drano rameva rey, le nampiboaky kiviroy an'oro volamena milanja antsasaky ty sakely, noho ravaky volamena roe fatao amy ty sandry milanja folo sakely azy lahilahy iny, ²³sady nanontany hozao: "Anakam-pelan'ia va iha? mba volanao ahy, misy efitsy mba handanianay ty haliky va an-tano ty babanao ao?" ²⁴Hozao tiasany taminy: "Anakam-pela i Betoela anakilahy i Milky, ze nateranay tamy i Nahora zaho." ²⁵Hoasany avao koa taminy: 'sady mana mololo noho akata bevata avao koa zahay, sady toera ho ahinareo mba handania ty haliky." ²⁶Bakeo le nandohaliky azy lahilahy iny sady nisaotsy an'Yaveh. ²⁷Hozao tiasany: "Tompoa lahy Yaveh, azyjanahary i Abrahama tompoko, ze tsy nahafoy ty tsy fivaliham-panenkeany noho ty fanen-keam-pitokisany taloha i tompoko. Laha ty amiko, le nandesy Yaveh mivanta tan-trano ty longo ty tompoko tao zaho." ²⁸Bakeo nilomay azy ampela iny sady nitantara tamy ty longon-dreniny mikasiky raha zay. ²⁹Sady nana anadahy i Rebeka, Labana ro ty anarany. Nilomay nana amy azy lahilahy iny any ze tan-dala teny tambaliky ty tany tanila ty fantsaka i Labana eo. ³⁰Lafa nahita ty kiviroy an'oro noho ty ravaky tamy ty sandry ty anabaviny teo rey ie, sady lafa nahare ty safa i anabavin'i Rebeka hozao: "Zao ty vola ty lahilahy iny tamiko," le nandeha tamy lahilahy iny any ie, sady ingo, nitsanga niaraky tamy rameva rey tanila ty fantsaka teo ie. ³¹Le hozao ty asa i Labana: "Avia, iha lahy ty notahia ty Yaveh. Nanino iha ro mitsanga ambaliky any? Fa nanoma trano, sady ty toera rameva rey zaho." ³²Le nilitsy tan-trano tao azy lahilahy iny sady nampijotso ty enta tamy ty rameva rey te ie. namea mololo noho akata rameva rey, sady nisy rano nandesy hanasa ty tombony noho ty tombo ty lahilahy ze niaraky taminy rey. ³³nanome hany talohany teo ho hanin-drozy, fe ho-tiasany: "Tsy hina zaho laha tsy ho volaniko ze tokony ho volaniko." Le hozao tiasa i Labana: "volano moa." ³⁴Hozao ty asany: "Mpiasa i Abrahama zaho." ³⁵Nitahy azy vatany Yaveh sady nanjary anarivoe. nanome azy aondry noho aosy, volafoty noho volamena, mpiasa lahilahy noho mpiasa ampela, sady rameva noho boriky Ie. ³⁶Saraha, valy ty tompoko, le niteraky anakilahy ho ahy ty tompoko tamy ty faha antisiny, sady nameany azy iaby ty raha nanany. ³⁷Nampifanta ty

tompoko zaho, tamy ty nivolaniny hozao: 'Iha tsy mahazo mangala-bak=ly ho ahy ty anankilahiko baka amy anakam-pela ty Kananita rey, ze nanoviko fipetraha ty taniny.³⁸ Fe, tsy maintsy mandeha mana amy ty longo ty babako any iha, sady amy ty longoko rey any, le hanagala-baly ho ahy ty anako.³⁹ Hoasako tamy ty tompoko: 'Metsy hanoriky ahy azy ampela iny.'⁴⁰ Le hoasany koa tamiko: 'Yaveh, ze andehanako alohano eo, le haniraky anjely hiaraky aminao sady hitahy ty lalanao ie, mba hahazahoanao valy hoahy ty anakilahy amy ty longoko eo noho baka amy ty karaza ty babako.⁴¹ Fe ho afaky amy ty fantako iha laha mandeha amy ty tongoko rey any le tsy hanome azy ho ahinao ndrozy. Le ho afaky amy ty fantako iha.⁴² Le niavy tamy ty loharano teo zaho nandroany, sady nivola hozao: "Yaveh lahy, Njanahary i Abrahama tompoko, engaho lahy, laha manao ze manao ty hitahy ty liako vatany Iha---⁴³ ingo zaho, mitsanga anila ty loharano eto--- enganie ze somondrara miboaky hantsaka rano, ze ampela hivolanako hozao: " mba ameo rano kelikely amy ty sihonao lahy zaho mba hinomiko,"⁴⁴ ze ampela mivola amiko hozao: " Minoma, sady hangalaky rano ho ahy ty ramevanao avao koa zaho,"--- enganie ho ie azy ampela iny ze notingininao, lahy Yaveh, haho ahy ty anakilahy ty tompoko.⁴⁵ Laha mbo tsy tampitsy tanaiko tao ty safako, le ingo, niboaky niaraky tamy ty sihoany tan-tsorikony teo i Rebeka sady nandeha nijotso ho amy ty loharano eo ie le nangalaky rano. Le hozao tiasako taminy: 'Mba ameo rano lahy zaho.'⁴⁶ Nampijotso ty sihoany malaky baka an-tsorikony teo ie sady nivola hozao: 'Minoma, sady hanome rano hoahy ty ramevanao avao koa zaho.' Le nino zaho, sady nameany rano avao koa rameva rey.⁴⁷ Nanontany taminy zaho sady nivola hozao: 'Anania va iha?' Hozao ty asanny: 'Anakam-pela i Betoela, anan'i Nahora, ze nateraky Milka taminy.' Le nengako tamy ty orony teo ty kiviro sady tamy ty sandriny rey teo ty ravaky.⁴⁸ Bakeo zaho nandohaliky le nihira an'Yaveh, azy Njanahary ty tompoko, ze nanday ahy tamy ty lala mahity mba hahita ty anakam-pela ty longo ty tompoko ho ahy ty anakilahy. Henanikizao, laha vonona handay ty tompoko amy ty fitokisam-pilongoa noho famen-dreham-pitokia nareo, le volano amiko. Fe laha tsy zay, le volano ahy, mba hitolihako ndra an-kavia ndra an-kavana."⁵⁰ Bakeo Labana noho Betoela namaly le nanao hozao: "Baka amy Yaveh raha zay; tsy afaky hivola aminao ndra soa ndra raty zahay.⁵¹ Ingo, alohano eo i Rebeka. Andeso ie sady miongaha, mba ho valyy ty anaky ty tomponao, manahaky ty nivolan'Yaveh."⁵² Lafa narare ty safan-drozy azy piasan'i Abrahama, le nandohaliky tamy ty tany tamy i Yveh ie.⁵³ Nanday karazan-draha volafoty noho karazan-draha volamena azy piasa iny, sady fisakina, le nameany ho an'i Rebeka rey. Nanome fanomeza sarotsy ho ahy ty anadahiny noho ty reniny avao koa ie.⁵⁴ Bakeo le nihina noho nino ie noho lahilahy ze niaraky taminy rey. zisiky ty haly ndrozy nipetraky tao, sady lafa nifoha maray, le hozao tiasany: "Ampandenao amy ty tompoko any zaho."⁵⁵ Hozao ty asa ty anadahiny noho ty reniny: " Engaho mba hipetraky miaraky aminay zisiky ty andro kelikely ty somondrara, mba folo andro ty fara fahakeliny. Afara zay le afaky mandeha ie."⁵⁶ Fa hoasany tamin-drozy: "Mba ka tanjahy zaho, safe nitahy ty lalako Yaveh. ampandenao amy lalako zaho mba hafahako mandeha amy ty tompoko any."⁵⁷ Hozao tiasan-drozy: "Hikaiky ty somon-drara zahay sady hanontany azy."⁵⁸ Le nikaiky an'i Rebeka ndrozy sady nanontany hozao taminy: "Handeha hanoriky lahilahy io va iha?" le hozao ty navaliny: "Handeha zaho."⁵⁹ Le nampandenin-drozy tamy ty liany nanoriky tamy ty mpiasa i Abrahama noho ty olony rey Rebeka anabaviny, niaraky tamy ty mpiasany ampela.⁶⁰ Nitsipy rano an'i Rebeka ndrozy, sady nivola hozao taminy: "zana-bavy, ho reny ty arivony noho ty analiny lahy iha, sady ho tompo ty vavahady ze malay azy rey lahy tarihanao reo."⁶¹ Bakeo nitsanga Rebeka, le niondra ty rameva ie noho ty mpiasa ampelany rey, sady nanoriky azy lahilahy iny.⁶² Le nandesy ty mpiasa iny i Rebeka, sady nandeha tamy ty lalany ie. Le nipetraky ta Negeva Isaka any, sady vo nimpoly baka ta Bera-lahai-roy any.⁶³ Nandeha niboaky hariva mba hivavaky am-baibo Isaka any. lafa niandra ie le nahita, indrey, nisy remeva niavy!⁶⁴ Nijilo Rebeka, sady lafa nahita an'Isaka ie, le nitsamboko nijotso baka amy ty rameva eo.⁶⁵ Hozao tiasany tamy ty mpiasa: "Ia va lahilahy hitsena antsika baka am-baibo eny iny?" Namaly azy hozao ty mpiasa: "Iny ro tompoko." Le nala i Rebeka ty voaliny, le nolongofany ty vatany.⁶⁶ Nampimpoly tantara tam'Isaka ty raha iaby nanoviny azy mpiasa iny.⁶⁷ Sady nanday azy tan-day Saraha reniny Isaka le nangalaky an'i Rebeka, le nanjary valiny ie, sady niteany. Le nionona Isaka tafara ty fahafatesa ty reniny.

Chapter 25

¹Nangalaky valy hafa i Abrahama; Korota ty anarany. ²Niteraky an'i Zamrana, Joksana, Medana, Midiana, ³Jisbaka sady Soaha ie. Joksana niteraky an'i Sheba noho i Dedana. Tariha i Dedana rey le olo Asorima, olo Letosima, sady Leomima. ⁴Efaha ro anakilah'i midiana, Efera, Hanoka, Abida, sady i Eldaha. Azy iaby rey ro tariha i Kerota. ⁵Namea i Abrahama an'Isakaze hanagnany iaby. ⁶Fe tamy i mbo nivelô, le nanome fanomeza hoahy ty anaky ty valy masay sady nandefa androzy tamy ty tany antinana, lavitsy an'Isaka, anany. ⁷Le ty andro niveloma i Abrahama le 175 tao. ⁸Niala ay Abrahama le maty tratsy antitsy, lahilahy talan'olo fa nahazo tao, sady le navory ho amy ty olony any rey ie. ⁹Isaka noho Ismaela, anakilahiny, ro nandevy azy tamy azy lava-baton'i Makpela, tamy baibo ahy Efrona anak'i Zohara Hetita, ze anila i Mamre. ¹⁰Novial'i Abrahama tamy ty anakilah'i Heta zay baibo zay. Nalevy tany niharo amy Saraha valiny Abrahama. ¹¹Tafara ty nahafatesa i Abrahama, le nitahy an'Isaka anakilahiny Njanahary, sady Isaka nipetraky narikitsy an'i Bera-lahai-roy. ¹²Le retôa ty tariha Ismaela, anak'i Abrahama, ze naterak'i Agara Egyptiana, mpiasa i Saraha, tamy Abrahama. ¹³retoa ty anara i anak'Ismaela, manoriky ty filahara ty faha antitsiny: Nabaita-- azy talan'olo lahilah'Ismaela, Kedara, Adhela, ¹⁴Mibsama, Masma, Doma, Masa, ¹⁵Hadada, Tema, Jetora, Nafisy, le i Kedma. ¹⁶Rey iaby ty anakilah'Ismaela, sady rey ty anaran-drozy, araky ty tanany, noho ty toera nipetrahan-drozy; mpanjaka folo roa amby araky ty fokon-drozy. ¹⁷Ty andro niveloma Ismaela le 137 tao: niala ay ie le nimaty, le navory ho amy ty olony ie. ¹⁸Nipetraky ta Havila zisiky Sora ndrozy, ze tanila i Egypta, azy raiky madeha a Asyria. Niay tamy ty fankahala ndrozy. ¹⁹Retôa iaby ty raha nahazo an'Isaka, anakilah'i Abrahama: Nanjary baba Isaka i Abrahama. ²⁰Efapolo tao Isaka lafa nandeha nangalaky valy an'i Rebeka ie, azy anak'ampela i Betoela azy Syria ahy Padan-Arama, azy anabavy Labana Syria. ²¹Nivavaky tamy Yaveh ho tiahy ty valiny Isaka safe nitahy ie, sady nivalia Yaveh ty vavaky nanoviny, le trony Rebeka. ²²Nialy ty aja tan-trony, sady nivola hozao ie: "Nanino zay ro niseho tamiko?" Le nandeha nanontany an'Yaveh mikasiky zay ie. ²³Nivola tamy Yaveh manao ho zao: "Firenana roe ro an-tonao ao, sady olo ro sarahy baka anainao ao. Ty olo raiky le harere mandilatsy ty azy hafa sady ty zokiny le hanompo ty zainy." ²⁴Lafa avy ty fotoa hiterahanny, le ingo, nisy hamba tan-trony. ²⁵Niboaky ty anany velohany le vatany mena manahaky ty lamba volosa. Esao ro nikaihan-drozy azy. ²⁶Tafaran'izay, le niboaky ty rahalahany. Nitanjaky ty lela-tombok'i Esao ty tanany. Jakoba ty nikaiha azy. Enimpolo tao Isaka lafa teraka androzy ty valiny. ²⁷Nihabe aja rey, le nanjary mpihaza mahay i Esao, lahilahy raiky tambanivolo; fe Jakoba le lahilahy tsy maro safa, ze nandany ty fotoany tan-day tao. ²⁸Le Esao ro tean'Isaka safe nihina biby nohazainy rey ie, fe i Jakoba avao koa ty tea i Rebeka. ²⁹Le niketriky hany i Jakoba. Le niavy baka ambaibo i Esao, le malemy ty kere ie. ³⁰Hoasa i Esao tamy Jakoba: "Engaho zaho hihina amy ty hany mena toy. Mangalaty lahy fa vozaky mare zaho!" Zay ty antony nivolana ty anarany hoe Edoma. ³¹Nivola hozao i Jakoba: "Avaroto amiko aloha ty hazokianao." ³²Le hoasa i Esao: "Hentao, zaho fa ho maty. Ino ro soa azoko baka amy ty fizokia?" ³³Le nivola hozao Jakoba: "mifanta amiko tse," le nifanta taminy Esao le tamy zay le namarotsy ty fizokiany tamy Jakoba ie. ³⁴Namea i Jakoba mofo noho hany vita baka amy ty lojy i Esao. Nihina noho nino ie, le bakeo le nitsanga lenandeha. Tamy fomba zay ro tsy nampiasia i Esao ty fizokiany.

Chapter 26

¹Le nisy mosary nahazo tamy azy tany iny teo, faha ty niseho velohany tamy andro i Abrahama. Mbamy Abimeleka any, mpanajaka ahy Felistina ta Gerara Isaka.²Le niseho tamy Yaveh sady nivola hozao: "Ka mijjotso ho Egypta iaha; mipetraha amy ty tany ze nivolaniko anao."³Mienena amy tany io, hiaro noho hitahy anao Zaho; fa ho ahinao noho ho tiahy tarihanao, ro ameako ty tany iaby rey, sady ho tanterahiko ty fifanta ze nifantako tamy Abrahama babanao.⁴Ho hampitomboako manahaky ty kinta ty lanitsy ty tarihanao rey, sady hameako ty tarihanao tany iaby rey. Baka amy ty tarihanao ro hitahia ty firenena iaby an-tany etoy.⁵Hanoviko zay safe Abrahama le nanoriky ty feoko noho nidary ty toro-hevitsiko, liliko rey, fanambarako rey, sady ty lalako rey."⁶Le nanory toboky ta Gerara tany Isaka.⁷Lafa nanontany azy mikasiky ty valiny lahilahy tamy toera io teo, le hozao tiasany: "Anabaviko ie." Navaka ie nivola hoe: "Valiko ie," safe nieritseritsy hozao ie: "Hamono ahy lahilahy an-toera eto rey mba hahazoany an'i Rebeka, safe le vatany ampelasoa ie."⁸Lafa nipetraky ela tao Isaka, le nisy fotoa Abimeleka mpanjakan'i Filistina nijilo tamy lafenety. Ingo, nihitany Isaka nitolo an'i Rebeka, valiny.⁹Nampikaiky an'Isaka i Abimeleka sady nivola hozao: "Hita vatany i henanizao fa valinao ie. Nanino iha ro mivola hozao: 'Anabaviko ie?'" Hozao tiasa Isaka taminy: "Safe nieritseritsy zaho fa ho vonoa ty olo mba hahazoany azy."¹⁰Hoy tiasa i Abimeleka hoe: "Fa ino ty raha nanovinao anay zao? Mety fa nisy olo raiky tamy ty olo niaraky niroro fahatany tamy ty valinao, sady nanday heloky sagy aminay etoy iha."¹¹Le nampitandry ty olo iaby i Abimeleka sady nivola hozao: "Ndra ia ndra ia mikasiky lahilahy io ndra ty valiny le azo antoky fa le vatany ho vonoa vatany."¹²Namboly tahiry tamy tany zay Isaka le nahavokatsy lako zato avo heny tamy tao io avao, safe notahiany Yaveh ie.¹³Nanjary mpanarivo lahilahy iny, sady nitombo avao zay zisiky nahavy azy ho mpanarivo biby.¹⁴Nana aondry noho aomby, sady longo lako mare ie. Nialo azy Filistina reo.¹⁵Sady ty fantsaka ze nihalia ty mpiasa ty babany tamy ty andro i Abrahama babany, le nenga ty Filistiana rey zay.¹⁶Hozao tiasa i Abimeleka tamy Isaka: "Misitaha lavitsy anay, safe mahery lavitsy mandilatsy anay iha."¹⁷Le niala teo Isaka le nanoro toboky andoha ty baibo iGerara, sady nipetraky tany.¹⁸Nampoly Isaka nohalia ndraiky ty ;avaky ty rano rey, ze fa nohalia tammy andro ty Abrahama babany. Zefa novonoa i Felistina rey tafara ty nahafaty an'i Abrahama . Lavaky ty rano rey le nanaovy Isaka manahaky ze fa nikaiha ty babany zay avao.¹⁹Lafa nandoaky tambaibo ty mpiasa Isaka, le nahitaky loharano velo teny ndrozy.²⁰Nifamaly tamy ty mpiaraky aomby tiahy Isaka ty mpiaraky aomby ta Gerara tao, sady nivola hozao: "Ranonay io." Le nikaiaha Isaka hoe "Eseka" azy lavaky ty rano iny, safe nifamaly taminy ndrozy.²¹Le nihaly lavaky rano ndraiky ndrozy, le mbo nifamalian-drozy avao koa zay, le nokaiha hoe "Sitna" zay.²²Niala teo ie le mbo nihaly lavaky rano hafa, fe tsy nifamalian-drozy zay. Le nokaihiny hoe "Rehobota" zay, sady hoasany: "Henanizao fa nanamboatsy fipetraho ho tiahintsika Yaveh, sady ho tahina amy tany zay eo tsika."²³Le niakatsy bakao Isaka le nandeha a Beri-sheba.²⁴Tamy halin'io avao le niseho tagnaminy Yaveh sady nivola hozao: "Zaho ro Njanahary ahy Abrahama babanao. Ka mavaka, fa hiaro noho hitahy anao Zaho sady hampitombo ty tarihanao, noho amy Abrahama mpanompoko."²⁵Namboatsy alitara teo Isaka sady nikaiky ty anara Yaveh. Teo ty nanamboarany ty lainy, sady nandoaky fantsaka ty mpiasany.²⁶Bakeo i Abimeleka niata ta Gerara ho aminy any, niaraky tamy Ahozata, namany, sady Pikola be ty miaramilany.²⁷Hoy tiasa Isaka tamin-drozy: "Manino nareo ro mbamiko atoy, kanefa nalay ahy noho nandroaky ahy taminareo nareo."²⁸Bakeo ty asan-drozy hoe: "Hitanay soa zao fa niaro anao Yavaeh. Le nanapan-kevitsy zahay fa tokony hisy fifanta eo amitsika, eka, aminay eo noho aminao. Engaho zahay hanao fifanenkea aminao,²⁹fa tsy hanao raty anay iha, manahaky ty tsy nananovanay raty taminao, noho manahaky ty fomba soa nanandesanay anao sady nandefasanay ampilamina anao. Notahia Yaveh vatany iha."³⁰Le nanamboatsy hany lako ho tiahin-drozy Isaka, le nihina noho nino ndrozy.³¹Nifoha maraindray ndrozy sady nifampifanta. Bakeo le nampandinany Isaka nandeha ndrozy, sady nanenga azy ampilamina ndrozy.³²Tamy andro io avao le nagnato mpiasa Isaka rey sady nivola taminy mikasiky ty lavaky ty rano ze nohalian-drozy. hoy tiasan-drozy: "Fa nahita rano zahay."³³Nikaiaha hoe Sheba azy lavaky ty rano, sady ty anara ty tana zay le Besi-sheba zisiky henanizao.³⁴Lafa efapolo tao iEsao, le nangalaky valy an'i Jodita anak'ampela i Bery Hetita, noho Basemata anak'ampela i Elona Hetita.³⁵Nampanday fijalea an'Isaka noho Rebeka ndrozy.

Chapter 27

¹Lafa antitsy Isaka le nanjavo ty masony rey le tsy nahita ie, sady nampikaiky an'i Esao, anakilahiny talan'olo ie, le nivola hozao taminy: "Nao lahy anako." Le hoy tiasany taminy: "Toy zaho." ²Le hoy tiasany: "Janjino soa, fa efa antitsy zaho. Tsy haiko ty andro hahafaty ahy." ³Lafa zay le rambeso ty fitaovam-pialianao, ty fitifitsinao sady ty kititsinao, le mandina ambaibo any sady mihaza biby ly ho tiahy. ⁴Iketreho hany matavy, amy azy teako zaho, sady andeso amiko atoy zay, sady andeso amiko zay ahaizako mihina zay noho hanomezako tsipirano anao aloha ty hahafaty ahy." ⁵Le nire i Rebeka zay lafa iresaky tamy Esao anakilahiny Isaka. Nandeha ambaibo i Esao mba mihaza biby ly sady nanday zay holy. ⁶Niresaky tamy Jakoba anakiny Rebeka sady nivola hozao: "Janjino soa, nireko i babanareo niresaky tamy Esao rahalahinao. Hozao tiasany: ⁷Anandeso haza zaho sady amboaro hany matavy, mba ahaizako mihina zay noho hanomezako tsipy rano anao miatriky an'Yaveh aloha ty hahafaty ahy." ⁸Sady lafa zay, lahy anaky, le oriho ty safako araky ze nandiliako anao. ⁹Mandina mandeha amy ty aondry noho ty aosy, le angalao an'akaosy roe soa zaho; le hanao hany matavy amirey ho tiahy babanao zaho, manahaky ty teany. ¹⁰Sady handesinao o amy babanao any zay, mba ahaizany mihina zay, le hanome tsipy rano anao aloha ty hahafaty azy." ¹¹Nivola tamy Rebeka reniny i Jakoba hoe: "Hentao, Esao rahalahiko le lahilahy voloa, fe zaho koa le lahilahy madoso holitsy. Mety hikasiky ahy ty babako, le ho hainy fa hamitaky azy zaho." ¹²Handay hakeo amy ty vatako zaho fa tsy tsipirano." ¹³Hozao tiasa ty reniny taminy: "Anaky, Engaho ty babanao hanozo ahy. Oriho avao ty safako, le mndina, andeso amiko atoy rey." ¹⁴Le nandeha nangalaky ty anak'aosy Jakoba sady nanday zay tamy reniny tany, le nanao hany matavy ty reniny, araky ty nitiava ty babany azy. ¹⁵Nalain'i Rebeka ty siky soa biby an'i Esao, anakiny talan'olo, ze niaraky taminy tan-trano ao, le nampisikininy an'i Jakoba, azy anakilahiny farany. ¹⁶Nengany tamy tanany teny noho ty faritsy madoso amy ty vozony ty angozo ty anak'aosy rey. ¹⁷Nengany tan-tana i Jakoba anany ty hany matavy noho ty mofo ze fa nikarakarany. ¹⁸Nandeha amy babany any Jakoba le nanao hozao: "babako o!" hoy tiasany: "Toy zaho; ia moa iha, anaky?" ¹⁹Hoasa i Jakoba tamy babany hoe: "Esao azy talan'olonao lahilahy; fa vitako ze nampanovianao ahy nanoviko. Mitoboha sady homana ty hazako, mba hitsipazanao rano ahy." ²⁰Hoasa Isaka tamy ty anakilahiny hoe: "Nanao akory ty nahitanao zay tanay ty fotoa fohy anaky?" Hozao tiasany: "Safe Yaveh Njanaharinao ro nanday zay tamiko." ²¹Le hoy tiasa Isaka tamy Jakoba: "Avia anilako etoa, mba ahaizako mikasiky anao, lahy anako, le ahaizako laha Esao anako vatany iha na tsy ie." ²²Nagnato an'Isaka babany Jakoba; le nitspa azy Isaka le nanao hozao: "ty feony le feo i Jakoba, fa ty tana rey koa le ahy Esao." ²³Tsy nahay azy Isaka, safe voloa ty tanany, manahaky ty tana i Esao rahalahiny, ke le nanipy rano azy Isaka. ²⁴Hoy tiasany: "Le vatany Esao anako va iha?" Namaly hozao ie: "Zaho vatany." ²⁵Hoasa Isaka hoe: "Andeso amiko etoy ty sakafo fa ho haniko ty hazanao, mba ahaizako mitsipy rano anao." Nandesy i Jakoba taminy teny ty hany. Le nihina Isaka, sady nanandesa i Jakoba divay ie, le nino. ²⁶Bakeo le hoy tiasa Isaka taminy: "Magnatona mrikitsy ahy sady orofo zaho, anaky." ²⁷Nagnato i Jakoba le nanoroky azy, sady nifofoniny ty fofoty ty sikiny rey ie le nitsipy rano azy Hozao tiasany: "Ingo ty fofoty ty anako le manahaky ty fofoty ty baibo ze namboary Yaveh." ²⁸Njanahary lahy hanome anjara anao anjara amy ty ando ty lanitsy, anjara amy ty tsiro ty tany, sady voa noho divay vaovao lako. ²⁹Hanompo anao lahy ty olo rey Handohaliky anatrehanao eo firenena rey. Ho tompo ty rahalahinao rey iha, sady handohaliky anatrehanao eo ty anaky ty reninao rey. Ho voaozo lahy iaby ty ze manozo anao; sady ho tahia iaby lahy ty ze iaby mitsipy rano anao." ³⁰Lafa baka nitsipy rano an'i Jakoba Isaka, sady niboaky tamy ty tahotsy niala tamy ty fanatreha ty babany Jakoba, sady nimpoly baka mihaza i Esao rahalahiny. ³¹Nanao hany matavy avao koa ie sady nanday zay tamy ty babany. Hoasa tamy babany: "Baba lahy, fohaza sady homana amy ty haza ty anakinao retoa, mba ahaizanao mitsipy rano ahy." ³²Hoasa Isaka babany taminy: "Fa ia iha?" Hoy tiasany: "Anakinao zaho, anakinao talan'olo lahilahy, Esao." ³³Nangitikitiky mare Isaka le nivola hozao: "Fa ia ty mihaza ty aosy sady nanday zay tamiko? Nohaniko iaby zay aloha ty niavianao, sady fa nitsipy rano azy zaho. Le vatany ho tahia ie." ³⁴Lafa nahare ty safaty ty babany i Esao, le nitany mare, sady nivola tamy babany hozao: "Tsipazo rano avao koa zaho, lahy babako." ³⁵Hoasa Isaka: "Ty rahalahinao ro fa niavy namerivery ahy sady nangalaky ty tsipiranonao." ³⁶Hoy tiasa i Esao: "Tsy ie va ro kaihy hoe Jakoba? Fa ie fa namerivery ahy indroe. Fa nalany ty maha talan'olo ahy, sady henany zao mbo naliny avao koa ty tsipirano tokony ho tiahy." Hoy tiasany bakeo: "Tsy misy tsipirano fa voatoka ho ahy va?" ³⁷Namaly Isaka sady nivola tamy Esao hozao: "Ingo, fa nohosora ho tomponareo ie sady fa natolotsoko ho mpiasany rahalahiny rey, sady fa nameako azy ty voa noho ty divay vaovao. Ino ro mbo afaky ataoko ho ahinao, lahy anaky?" ³⁸Hoasa Esao tamy babany hoe: "tsy mana tsipirano ndra raiky ho tiahy va iha, lahy babako? Tsofy rano avao koa zaho, lahy babako." Nitany mare i Esao. ³⁹Namaly Isaka babany sady nivola taminy hozao: "ingo ty toera ze misy anao le lavitsy ty tany lonaky, lavitsy ty tany anabo." ⁴⁰Amy ty alala ty mesobenao ro hivelomanao, sady hanompo ty rahalahinao iha. Fa lafa hialy iha, le hanafaky ty vatanao amy ty fanandesany." ⁴¹Nalay an'i Jakoba i Esao amy ty tsipirano ze namea ty babany azy.

Nivola hozao tanainy tao Esao: "Mihamariny ty andro ty fisaona ty babako; afara zay le hovonoako i Jakoba rahalahiko." ⁴²Safa Esao talan'olo ze nivolaniny tamy Rebeka. Le nandefa sady nampikaiky an'i jakoba anany faralahy ie sady nivola taminy hozao: "Ingo, Esao rahalahinao le nampiono ty vatany amy ty fagniria hamono anao. ⁴³Sady lafa zay, anaky, oriho ty safako sady milaisa amy Labana anadahiko any, a Harama. ⁴⁴Mienena miarakany aminy fotoa fohy, ⁴⁵zisiky mampihena ty heloky ty rahalahinao, le tsy ahatiarovany ty raha nanovinao taminy. bakeo le hampangalaky anao any zaho. Ataoko akory va ro hamoy anareo roe anay ty andro raiky? ⁴⁶Hozao tiasa i Rebeka tamy Isaka: "Meloky mare zaho noho ty anakampela ty Hetita rey. Laha mangalaky valy amy ty raiky amy anakampela ty Hetita rey Jakoba, manahaky ty ampela mipetraky amy tany io rey, le ino ty soa ho tiahy amy ty fiainako?"

Chapter 28

¹Le nikaiky an'i Jakoba Isaka nitsipy rano azy, sady nandily azy hozao: "Tsy mahazo mangalaky valy amy ty ampela Kananita rey iha. ²Miongaha, le mandina a Padana-Arama any, ho amy tariha i Betoela baba ty reninao, le mangala valy any, raiky amy ty anak'ampela i Labana, anadahin-dreninao. ³Njanahary tsy toha lahy hitahy anao, hampamokatsy anao sady hahalako anao, mba hahavy anao ho firenena lako. ⁴Hameany anao lahy ty tsipirano ahy Abrahama, ho ahinao, noho ho tiahy ty tarihanao misolo anao, mba handovao ty tany ze fa nipetrahanao, ze namean-Janahary an'i Abrahama." ⁵Sady Isaka nampandeha an'i Jakoba. Mba Padana-Arama any i Jakoba, ho amy Labana anaky Betoela Syriana any, anadahy Rebeka, renin'i Jakoba noho Esao. ⁶Sady nitany Esao fa nitsipaza Isaka rano Jakoba sady nampoliany ta Padana-Arama any, mba hangalaky valy any. Nahita avao koa ie fa nitsipy rano noho nanome lily azy Isaka, nanao hozao: "Tsy mahazo mangalaky valy amy ty ampela baka Kanana any rey iha." ⁷Hitany Esao avao koa fa nanoriky ty babany noho ty reniny i Jakoba, sady nandeha ta Padana-Arama tany. ⁸Sady hitany Esao fa tsy nankasitaky ty ampela baka a Kanana any rey Isaka babany. ⁹Le ankoatsy ty valy ze fa nananany rey, le nandeha amy Isamaela any ie, le nangalaky an'i Mahalota, anakampela an'Isamaela, anaky Abrahama, anabavin'i Nebaiota mba ho valiny. ¹⁰Niala ta Beri-sheba i Jakoba le nandeha ta Harana. ¹¹Sady niavy tany toera raiky ie le nijano teo zisiky ty haly totolo, safe fa nilentiky ty masoandro. Nangalaky vato raiky tany rey tany toera zay teo ie, nametraky zay tambany ty lohany, le nitsilany tany toera zay teo mba hiroro. ¹²Nanonofy ie le nahita esikalie nipitiky tany ty tany. Nahazo ty lanitsy ty tendrony sady niakatsy noho nijotso tamizay ty anjelin-dranahary. ¹³Ingo, Yaveh nitsanga tanabon'izay sady nivola hozao: "Zaho ro Yaveh, Ndranahary an'i Abrahama babanao, noho Ndranahary an'Isaka. Ty tany ze hiroroanao io, le ameako anao noho ty tarihanao. ¹⁴Hanahaky ty posiera amy ty tany ty tarihanao, sady hiparitaky lavitsy baka andrefa, le zisiky antinana, baka avaratsy, sady zisiky antimo iha. Amy ty alalanao noho amy ty alala ty tarihanao rey ro hitahia ty longo an-tany atoy iaby. ¹⁵Ingo, hiaro anao Zaho, sady hiaro anao ndra aia ndra aia ty handinanao. Handay anao amy ty tany toy ndraiky Zaho; fa tsy hanenga anao Zaho. Hanoviko iaby ze raha iaby nampitamaniko anao." ¹⁶Nifoha tany torimaso i Jakoba, le hoy tiasany: "Azo antoky vatany fa amy ty toera toy Yaveh, fe zaho ro tsy nahay." ¹⁷Navaka ie le nivola hozao: "Le vatany mampatahotsy toera toy! Tsy raha ino fa tranon-Dranahary toy. Toy ty vavahady ty lanitsy." ¹⁸Nifoha maray i jakoba le nangalaky azy vato ze nengany tambany ty lohany. Nanoviny ho tsangam-bato zay sady nagniliny menaky tanabo zay. ¹⁹Sady le hikaiha hoe Betela ty anara ty toera zay, fa Lozy ro anara iazy tana iny tam-belohany. ²⁰Sady nanao voady i Jakoba, le nivola hozao: "Laha hitahy noho hiaro ahy amy ty lala ze andinako tiy Ndranahary, le hanome ahy mofo ho hany, noho ty siky hisikina, ²¹mba ahaizako mimpoly soa aman-tsara an-trano ty babako, le Yaveh ro ho Ndranahariko. ²²Sady hanjary vato masy ty vato ze namboariko ho tsangam-bato toy. Amy ze kila raha iaby ze hameanao ahy, le ho ampoliko aminao vatany ty ampahafolony."

Chapter 29

¹Le nanohy ty liany ndraiky Jakoba le nivy tamy tamy ty tany ty mpipetraky tan-tinana. ²Lafa nagnety ie le nahita fantsaka tamy baibo teo, sady, ingo, nisy hamaroa ty aondry voho ty aosy telo niroro tanila zay teo. Fa tambaliky fantsaka zay teo ro nampinomindrozy ty aondry voho ty aosiny, sady bevata ty vato tamy ty vavahady ty fantsaka. ³Ka lafa tafavory eo ty aondry noho ty aosy iaby rey, le nampigoro mpiaraky aondry ty vato amy ty vava ty fantsaka eo le nampinominy ty aondry, sady bakeo nolongofa ty vava ty fantsaka eo ndraiky ty vato, ho amy ty fitoerany eo. ⁴Hoy tiasa i Jakoba tamindrozy hoe: "Ry Rahalahiko, baka aia moa nareo?" namaly hozoandrozy: "Avy baka Harana zahay." ⁵Hoy tiasany tamindrozy: "Hainareo va i Labana anaky Nahora?" Hoasandrozy: "Hainay ie." ⁶Hoy tiasany tamindrozy: "Salama va ie?" Hoasandrozy hoe: "Salama ie, sady, ingo, Rahely anakampelany miaraky amy ty aondry." ⁷Hoasa i Jakoba hoe: "Ingo, fa misasaky ty andro. mbo tsy fotoa famoria ty aondry noho ty aosy zao. Tokony hanome rano ty aondry nareo le ndao sady hanenga rey handromotsy akata eny." ⁸Hoasandrozy: "Tsy afaky manome rano rey zahay laha tsy fa vory iaby aondry noho aosy iaby rey. Bakeo ty lahilahy rey hampigoro azy vato amy ty vava ty fantsaka eo, le hampinominay rano ty aondry." ⁹Laha mbo niresaky tamin-drozy Jakoba, le ingo Rahely niavy niaraky tamy ty aondry ty babany, safe niamby rey ie. ¹⁰Lafa hitan'i Jakoba i Rahely, anakampela i Labana, anadahy ty reniny, le nagnato i Jakoba, nampigoro ty vato tamy ty vavaty fantsaka zay teo, le nampinondrano ty aondry amy ty aosy tiahy Labana, anadahy ty reniny. ¹¹Nanoroky an'i Rahely i Jakoba sady nitany mare. ¹²Nivolanin'i Jakoba tamy Rahely fa longo ty babany ie, sady ie ro anakilahy Rebeka. Le nilomay i Rahely le nivola tamy babany. ¹³Lafa ren'i Jakoba ty vaovao momba an'i Jakoba anaky ty anabaviny, le nilomay hitsena azy ie, le nandrakotsy azy, sady nanday azy tan-tranony tany. Nambara i Jakoba tamy Labana zay raha iaby zay. ¹⁴Le hoasa i Labana taminy: "Taolako noho nofitsiko vatany iha." Le nijano tokony vola raiky taminy teo i Jakoba. ¹⁵Hoy tiasa i Labana tamy Jakoba: "Tokony hanompo ahy maimaim-poa va iha safe longoko? Volano amiko, ohantrino ty karamanao?" ¹⁶Sady nana anakampela roe i Labana. Lea ty anara ty zokiny, Rahely koa ty anara y zainy. ¹⁷Lea le malemy fagnety, fa Rahely koa le soa vata ro sady ampelasoa. ¹⁸Jakoba le tea an'i Rahely, le hoy tiasany: "Hanompo anao fito tao zaho hahazoako an'i Rahely, anakinao faravavy." ¹⁹Hoasa i Labana hoe: "Soasoa avao laha ameakoanao ie, tany hameako lahilahy hafa. Mienena miaraky amiko." ²⁰Le nanompo fito tao i Jakoba mba hahazoany an'i Rahely; sady manahaky ty andro tsy ampy ho tiazy avao zay, noho ty fiiteavany azy. ²¹Le hoasa i Jakoba tamy Labana: "Ameo ahy ty valiko, fa efa feno ty fe-potoa--- maba hanambaliako azy!" ²²Le navory Labana ty olo iaby tan-toera tao le nifety. ²³Lafa haly le nala i Labana i Lea anakampelany le nameany an'i Jakoba, ze niaraky niroro taminy. ²⁴Nanome an'i Zilpa mpiasa ampelany ahy Lea anakampelany, mba ho mpiasany Labana. ²⁵Lafa maray le ingo fa i Lea ro teo! Hoasa i Jakoba tamy Labana hoe: "Ino ty raha nanovinao tamiko zao? Tsy nanompo anao va zaho mba ahazoako an'i Rahely? Nanino ro namerivery ahy iaha?" ²⁶Hoasa i Labana: "Tsy fombanay ty hanome ty zainy ampela aloha ty zokiny. ²⁷Tanteraho ty volan-tantely ty anakampela toy, le hameanay anao avao oa ty raiky mba hanompoanao ahy fito tao ndraiky." ²⁸Le nanovin'i Jakoba zay, ka le nitanterahany ty herinandroan'i Lea. le namean'i Labana azy avao koa i Rahely anakampelany mba ho valiny. ²⁹Le natolitsy Labana an'i Rahely anakampelany koa i Bila, mba ho mpiasany. ³⁰Le nandry niaraky tamy Rahely koa i Jakoba, fa teany mandilatsy noho i Lea i Rahely. Le nanompo an'i Labana fito tao ndraiky i Jakoba. ³¹Hitan'Yaveh fa tsy nidaria i Lea, le nampana anaky azy Ie, fe Rahely koa le momba. ³²Le nitrony i Lea sady niteraky aja lahilahy ie, le nanoviny hoe Robena ty anarany. Fa hoy tiasany: "Safe fa nijilo ty fijaliako Yaveh; le ho tea ty valiko vatany zaho henany zao." ³³Le nitrony ndraiky ie le niteraky aja lahilahy. Hoy tiasany: "Safe fa re Yaveh fa tsy mba nidariany zaho, le zay ty nanomezany ahy aja toy avao koa," le ty anarany nanoviny hoe i Simeona. ³⁴Le nitrony ndraiky ie le niteraky anakilahy. hoy tiasany: "Henany zao le hipitiky amiko ty valiko, safe fa niteraky anakilahy telo ho tiazy zaho." Zay ty nananovany ty anarany hoe i Levy. ³⁵Le nitrony ndraiky ie le niteraky anakilahy. Hoy tiasany: "Henany zay le hanompo an'Yaveh zaho." Zay ty nananovany ty anarany hoe i Joda; le tsy niteraky sasy ie.

Chapter 30

¹Lafa nihita i Rahely fa tsy nanome anaky an'i Jakoba ie, le nialo ty rahavaviny Rahely. Nivola hozao tamy Jakoba ie: "Ameo anaky zaho, lafa tsy zay le ho maty zaho." ²Nirehitsy tamy Rahely ty heloky Jakoba. Le hoy tiasany: "Zaho va ty amy ty toeran-Dranahary, ze nitanjaky anao tsy hanan'anaky?" ³Hoasany: "Ingo, ty mpiasako Bila. Madria miaraky aminy, mba hahafahany miteraky zaza ho ankitronako, le hananako aja baka aminy." ⁴Le nameany ho valiny i Bila mpiasa ampelany, le niaraky nandry taminy i Jakoba. ⁵Nitrony sady niteraky anakilahy ho ahy Jakoba i Bila. ⁶Le hoasa i Rahely: "Nitsara tamy ty fankasitrahako Ndranjary. Nijan'ny ty vavaky nanoviko le sady nanome anakilahy ahy." Baka amy ty antony zay ro nikaihany ty anarany hoe Dana. ⁷Bila, mpiasan'i Rahely, le trony ndraiky sady niteraky anakilahy faha roe ho tiahy Jakoba. ⁸Hoasa i Rahely: "Tamy ty aly mare ty nialiako tamy ty rahavaviko sady nandreseko." Nikaihany Naftaly ty anarany. ⁹Lafa nihitan' i Lea fa niegny tsy nanan'anaky ie, le nalany i Zilpa, ampela mpiasany, sady nameany ho valin'i Jakoba ie. ¹⁰Zilpa, mpiasa i Lea, le niteraky anaky lahy hoahy Jakoba. ¹¹Hoasa i Lea: "Vinta toy!" Le nikaihany hoe Gada ty anarany. ¹²Bakeo i Zilpa, mpiasa i Lea, niteraky anakilahy faharoa ho tiahy Jakoba. ¹³Hoasa i Lea: "Sambatsy zaho! Fa ty anak'ampela hikaiky ahy hoe sambatsy." Le nikaiha hoe Asera ty anarany. ¹⁴Nandeha tamy ty andro fanapaha-bary i Robena sady nahitaaky dodaima tam-baibo. Nandesiny tamy Lea reniny rey. Le hoasa i Rahely tamy Lea: "Ameo ty ilany amy dodaima ty anakinao lahy zaho." ¹⁵Hoasa i Lea taminy: "Problemo kely va aminao, ty nangalanao ty valiko? Te hangalaky ty dodaima ty anakilahiko avao koa iha henany io?" Hoy tiasa i Rahely: "Le hiaraky hiroro aminao ie lafa haly, ho takalo ty dodaima ty anakilahinao." ¹⁶Lafa harivaniny le niavy baka am-baibo i Jakoba. Niboaky i Lea mba hifanojo taminy sady nivola hozao: "Tsy maintsy miaraky miroro amiko iha lafa androany haly, fa naloako tamy ty dodaima ty anakilahiko rey iha. Le niaraky nandry taminy Lea i Jakoba lafa haly. ¹⁷Nijan'ny an'i Lea Ndranjary, le trony noho niteraky anakilahy faha limy ho tiahy Jakoba ie. ¹⁸Hoasa i Lea: "Namea-Dranahary ahy ty karamako, safe nanome ty ampela piasko ho tiahy valiko zaho." Nihaihany hoe Isakara ty anarany. ¹⁹Nitrony ndraiky i Lea sady niteraky anakilahy faha eny ho tiahy Jakoba. ²⁰Hoy tiasa i Lea: "Namea-dranahary fanomezana soa zaho. Zao le hanome voninahitsy ahy ty valiko, safe fa niteraky anakilahy eny ho tiahy zaho." Nikaihany hoe Zebelona ty anarany. ²¹Lafa afaky zay le niteraky anakampela ie le nikaihany hoe Dina ty anarany. ²²Nahatiaro an'i Rahely Njanahary sady nijan'ny azy. Nampanan'anaky azy ie. ²³Nitrony sady niteraky anakilahy ie. Hoy tiasany: "Nafahan-janahary ty henatsiko." ²⁴Nikaihany hoe Josefa ty anarany, sady nanao hozao: "Nagnampy anakilahy raiky hafa ho tiahy Yaveh." ²⁵Tafara ty niterahan'i Rahely an'i Josefa, le nivola tamy Labana i Jakoba nanao hozao: "Ampandinao zaho, mba ahafahako mandeha amy ty tranoko noho amy ty tanako. ²⁶Ameo ahy ty valiko noho ty anako rey ze ho tuahindrozy rey ro nanompoako anao, sady engaho zaho handeha, fa iha mahay ty fanompoako nanoviko anao." ²⁷Hoy tiasa i Labana taminy: "Laha mahitaky fankasitraha imasonao zaho henany zao, le mandinasa, safe fa haiko tamy ty fampiasa sikily fa nitahy ahy baka aminao Yaveh. ²⁸Le hoy tiasany: "Volano hoe ohantrino ty karamanao, le ho aloako avahako rey." ²⁹Zao ty safaka i jakoba taminy: "Hainao ty fomba nanompoako anao, noho ty fomba nitomboana ty biby fiharinao niaraky tamiko. ³⁰Fa kely ty nananao taloha ty niaviako, le nitombo lako mare zay. Nitahy anao Yaveh ndra taia ndra taia ty niasako. Sady mbia zaho ro mba hihary ho tiahy ty tokan-tranoko avao koa?" ³¹Le hoy tiasa i Labana: "Ino ro haloako aminao?" Hoy tiasa i Jakoba: "Tsy hanome ahy ndra ino ndra ino iha. Laha hanao ty raha zao ho tiahy iha, le hamaha ndraiky ty biby harinao sady hiamby zay zaho. ³²Engaho zaho hanapataky ty biby harinao iaby henany io, hangalaky ty aondry pentipety noho ty sada iaby amy zay, sady ze mainty iaby amy ty aondry eo, noho ty sada noho ty pentipenty amy ty aosy rey. Zay ro karamako. ³³Ty tsy fivalihako ro ho vavolombelo ho tiahy afara any, lafa avy hagnety ty karamako iha. ty iaby ze tsy pentipenty noho ty sada amy ty aosy rey, sady tsy maintsy amy ty aondry, laha misy hita amiko atoy, le hanovy manahaky ty halatsy." ³⁴Hoasa i Labana: "Enkena. Enagie ho araky ty safanao zay." ³⁵Tamy andro io i Labana le nangalaky ty aosy lahy ze sadika noho sada, noho ty aosy vavy iaby ze pentipenty noho ty sada, ty iaby ze nisy foty taminy, sady mainty rey iabytamy ty aondry, le nanome rezay ho antana ty anakilahiny rey. ³⁶Nanisy lala telo andro tanelanelany noho Jakoba avao koa i Labana. Lafa zay le niegny niamby ty amby ty biby hary i Labana Jakoba. ³⁷Nangalaky tapaky ty sampa-kobay popola maintso i Jakoba, noho tamy hazo planata, sady nanofy ty foty tamirey. sady nanao ze hampitoroa ty aty foty ty hazo ze tamy ty tapaky ty hazo rey. ³⁸Le nanenga ty tapan-kazo ze novoasany taloha ty biby fihary teo, taloha ty tavy finoman-drano ze nandinandrozy hino zay. Nanan'anaky ndrozy lafa niavy baka nino. ³⁹Niteraky aloha ty tampak'obay bibby hary rey; sady ty biby hary rey le niteraky sadiky, sada, sady pentipentina. ⁴⁰Nosaraha i Jakoba ty anak'aondry rey, fa nanao ty amby ty nifanatriky rey tamy ty biby sadiky noho ty aondry mainty iaby tamy ty biby fihary tao i Labana. Le nosarahany ho tiahy raiky avao ty biby fihary le tsy naharony niaraky tamy ty biby fihary an' i Labana. ⁴¹Ndra ombia ndra ombia ty hiteraha ty aondry matanjaky tamy biby fihary tao, le nampiroroa i Jakoba tamy ty tavy finoma taloha

ty maso ty biby fihary rey tapa- kobay rey, mba ahafahan-drozy miteraky amy ty tapa-kobay eo rey. ⁴²Fa lafa avy ty biby mararirary amy ty biby fihary rey, le tsy hanenga tapa-kobay rey talohan-drozy ie. Le ahy Labana ty biby mararirary, sady ahy Jakoba ty mahery.⁴³Nanjary mpanarivo mare lahilahy iny. Nana biby hary lako ie, mpiasa ampela noho mpiasa lahilahy, sady rameva noho ampondra.

Chapter 31

¹Le nire i Jakoba ty safa ty anakilahy Labana, ze nanao hozo: "Nalain'i Jakoba iaby ty raha ty babatsika, sady baka amy ty hanagna ty babatsika ro nahazoany ty hanagnany iaby." ²Hita i Jakoba tamy ty endrikiny y tarehy Labana. Hitany fa niova ty fihetsikiny taminy. ³Bakeo nivola tamy Jakoba hozo Yaveh: "Mimpolia amy ty tana ty razanao noho ty longonao, sady hiaro anao Zaho." ⁴Nampaniraky noho nikaiky an'i Rahely noho Lea i Jakoba ho ambaibo amy ty aondry noho ty aosiny any ⁵sady nivola tamindrozy hozo: "Hitako niova ty fihetsiky ty babanareo tamiko, fe niaraky tamiko ty Njanahary ty babako." ⁶Hainareo fa tamy ty heriko iaby ro nanompoako ty babanareo. ⁷Fa namerivery ahy ty babanareo sady nanova ty karamako impolo, fe tsy nengan-Janahary handratsy ahy ie. ⁸Laha nivola hozo ie: "Biby sada rey iaby ty karamanao," le niteraky lako ty aondry noho ty aosy iaby. Laha nivola hozo ie: "Ty sadika iaby ty karamanao," le niteraky sadika iaby ty aondry noho ty aosy iaby. ⁹Tamy zay andro zay ty nangalan-Janahary ty biby fihary ty babanareo sady nanomezany zay ho tiahy. ¹⁰Sady tamy ty andro ty fahatofoa le iraisa, le nihitako tamy ty nofy ao aosy lahy rey ze miharo amy ty aondry noho aosy rey. Osilahy rey le sadika, mara, sady sada. ¹¹Ty anjelin-Janahary nivola tamiko tanay ty nnofiko hozo: 'Ry Jakoba.' Le hoy tiasako: 'Toy zaho.' ¹²Hoy tiasany: "Atoliho ty masono sady henteo ty aosy lahy iaby ze miharo amy ty aondry noho ty aosy. Sadika, noho mara, sady sada rey, safe hitako ty raha iaby anovy Labana aminao. ¹³Zaho ro Njanahary tiahy Betela, ze nahotsinao tsangambato, noho nananovanao voady tamiko. Henany zao miongaha le miala amy tany toy sady mimpolia amy ty tanynahaterahanao." ¹⁴Namaly azy i Rahely noho Lea le nanao hozo: "Mbo misy anjara noho lova tiahinay va amy ty trano ty babanay ao? ¹⁵Tsy nanoviny manahaky ty fanandesa vahiny va zahay? fa navarotsiny zahay, sady tsy nampisiany dikany avao koa ty dralanay ie. ¹⁶Fa ty hanagna iaby ze nalan-Janahary tamy ty babanay henany io le ahinay noho ty anakinay. Le henany zao, ndra ino ndra ino ty raha nivolanin-Janahary taminao, le anovo zay." ¹⁷Bakeo le nitsanga i Jakoba sady nanenga ty anakilahiny noho ty valiny tanabo ty rameva. ¹⁸Nandesiny iaby ty biby fihary iaby, niaraky tamy ty hanagnany iaby, tanay zay ty biby fiharia ze niazony ta Padana-arama. Bakeo le niongaky mba handeha amy Isaka babany any amy tany Kanana any ie. ¹⁹Laha nandeha mba hanenty ty longony i Labana, le nangalariny Rahely ty sampy ty babany. ²⁰Niverevere i Jakoba avao koa i Labana azy Siriana iny, tamy tsy namatoha azy fa handeha ie. ²¹Le nilay niaraky tamy ze raha iaby nanany ie sady nadeha nitsaky maklaky ty rano, le nandeha mbamy tany vohitsy i Gileada. ²²Tamy ty andro faha telo le nivolanany tany Labana fa nilay i Jakoba. ²³Lafa zay le nala ty longony sady nanoriky azy naharitsy fito andro. Tratsiny tany tana i Geleaga teo ie. ²⁴Lafa haly le niavy tany Labana azy Siriana tamy ty nofy Njanahary le nanao hozo: "Tandremo mba tsy hanao safa soa dra raty an'i Jakoba iha." ²⁵Tratsy Laban i Jakoba. Sady nanory ty lainy i Jakoba tamy azy tany vohitsy teo. Le namboatsy ty lainy tamy ty tany vohitsy Gileada avao koa i Labana niaraky tamy ty longony rey. ²⁶Hoy tiasa i Labana tamy Jakoba: "Ino ty nanovinao, ro namerivery ahy iha le nanday ty anakampelako manahaky ty gadra amy ty aly? ²⁷Nanino iha ro nilay nitingatinga noho namerivery ahy fa tsy nivola tamiko? Afaky nandefa anao tamy ty fankalaza noho ty hira zaho, Niaraky tamy ty aponga tampaky noho lokanga. ²⁸Tsy nenganao hanoroky hanao veloma ty zafiko rey noho ty anakampelako zaho. Sady ty hadala ze nanovinao zao. ²⁹Mana hery hampaharatsy anareo zaho, fe ty Najanahary ty babanareo ro nivola tamiko taminankaly nanao hozo: "Tandremo mba tsy hasinao saf mihintsy i Jakoba ndra soa ndra raty." ³⁰Henany zao nandeha iha safe many ty himpoly antrano ty babanareo. Fe manino ro nangalarinao ty Njanahariko rey?" ³¹Namaly Jakoba le nanao hozo tany labana: "Safe navaka zaho sady nieritseritsy fa halanao amoko amy ty fandrava ty anakampelanao rey ro nahavy ahy nilay nitingatinga. ³²Ndra ia ndra ia ty nangalatsy ty Njanaharinao le ho maty ie. Miatsiky ty longotsika, le hainao ze raha iaby amiko atoy le ahinareo le alao zay." Safe tsy hay Jakoba fa Rahely ro nangalatsy zay. ³³Le nandeha tany Lain'i Jakoba Labana, Tamy lain'i Lea, sady tany lay ty mpiasa vavy roe, fe tsy nahitaky androzy ie. Niboaky tamy ty lainy Lea ie le nilitsy tamy ty lain'i Rahely. ³⁴Sady fa nalain'i Rahely ty sampy le nanoviny tanay ty lasely ty rameva tao, le nipetraky tanabon'zay teo ie. Nilain'i labana iaby ty lay fe tsy nahita ndrozy. ³⁵Hoy tiasa i Rahely tamy ty babany; "Ka meloky, tompoko, fa tsy afaky mijanga alohanao eo zaho, safe niavy ty fotoako." Le nila ie fe tsy nahitaky sampiny rey. ³⁶Nimeloky Jakoba le nifamaly tany Labana. Hoasany taminy: "Ino ty tsy fanarahan-dily nanoviko? Ino ty hadisoako, ro nagnia ahy tamy ty hafanam-po iha? ³⁷Fa nosavano iaby ty hanagnako iaby. sady ino tamy ty raha soa ty longonao ro nihitanao? Engaho aloha ty longotsika eto zay, mba ahafahan-drozy mitsara amitsika roe tonta eo." ³⁸Fa niaraky taminao avao zaho zisiky roapolo tao. Aodry vavy nao rey noho ty aosy vavinao tsy raha nitrobo, sady tsy nihina ty aondrilahy baka amy ty aondrinao zaho. ³⁹Tsy nandesiko taminao ty nabadabida ty biby ly. Fe, aho ro nizaka ty fitroboan'zay. Anovina manonotsy ty very avao zaho, ndra ty nangalany atoandro ndra ty nangalany haly. ⁴⁰Tany zaho; ty atoandro le nahazo ahy ty hafana, sady lafa haly le namely ahy ty nintsy; sady tsy mba niroro. ⁴¹Nipetraky tantranonao tao zaho zisiky ropolo tao zay, Niasa ho tiahinao naharitsy ty folo efatramby tao mba hahazoako ty

anakampelanao roe sady enintao ho tiahy aondry noho ty aosinao rey. Novanao impolo ty karamako.⁴² Laha tsy niaraky tamiko ty Njanahary ty babako, azy Njanahary tiahy Abrahama, sady ay nanovin'Isaka, le ho nalefanao ho nandeha tanam-polo vatany zaho. Hitan-Janahary ty fijaliako noho ty fiasako mare, le nivola mare anao le tamin'ankaly.⁴³ Namaly Labana le nivola tamy Jakoba nanao hozao: "Azy ampela rey le anakampelako, zafikeliko zafikely rey, sady aondry noho ty aosiko anndry noho ty aosy rey. Ze hitanao iaby le tiahy iaby. Henany zao e ino ro afaky anoviko ho tiahy anakampelako rey, na ho tiahy aja naterakiny?"⁴⁴ Henany zao, ndao tsika hanao fifanenkea, le zaho noho iha, sady engaho zay ro ho vavolombelo amiko noho aminao.⁴⁵ Lafa zay le nangalaky vato Jakoba sady nampijanga zay ho tsangam-bato.⁴⁶ Hoasa i Jakoba tamy ty longony rey: "Mamoria vato." Le nangalaky vato ndrozy sady nanao antotany. Bakeo ndrozy nihina tamy ty tvory vato ndrozy.⁴⁷ Nikaihan'i Laban hoe Jegera-sahadota zay, fa Jakoba nikaiky zay hoe Galeda.⁴⁸ Hoasa i Jakoba: "vory vato toy ro vavolombelo amitsika androany." lafa zay ty anarany le ho kaiha hoe Galeda.⁴⁹ Kaiha vao koa hoe Mizpa zay, safe hozao tiasa i Labana: "Yaveh lahy ro hijilo ahy noho iha, lafa tsy mifankahita tsika."⁵⁰ Laha ampijaleanao ty anakampelako rey, na mabambaly hafa ankoatsy ty anakampelako iha, ndra tsy misy olo hafa aza amitsika eto, le ingo Njanahary ro ho vavolombelo amiko noho aminao eo.⁵¹ Hoy tiasa i Labana tamy Jakoba: "Hentao ty vory vato toy, sady hentao ty tsangambato, ze namboariko anivontsika eto."⁵² Vavolombelo toy vory vato toy, sady vavolombelo ty tsangambato, mba tsy hitsambokonako ty vory vato toy mbaminao any, noho tsy hitsambokonanao noho ty tsangambato toy hombamiko atoy, hanao raty.⁵³ Azy njanahary an'i Abrahama, noho Njanahary an'i Nahora, sady Njanahary ty babandrozy rey enganie hitsara antsika." Nifanta tamy azy Tahotsy Isaka baba i Jakoba.⁵⁴ Nanesy soro tambohitsy i Jakoba sady nikaiky ty longony rey mba hihina. Nihina ndrozy sady nijano tambohitsy teny zisiky haly.⁵⁵ Vo maraindray biby le nifha i Labana, nanoroky ty zafikeliny rey noho ty anakampelany sady nitsipy rano androzy. Bakeo le niala teo, sady nimpoly nandeha na-tranony tany i Labana.

Chapter 32

¹Nandeha tamy ty lap;any avao ko i jakoba, sady nifanojo tamy ty anjelin-Janahary. ²Lafa nahita androzy i jakoba, le hoy tiasany; " Toy ro tobin-Janahary," le Mahanima ro nikaihany toera zay.³Nandefa mpanday hafatsy alohany Jakoba mba ho amy Esao rahalahiny amy ty tanin'i Seira any, amy faritsy Edoma any. ⁴Nandily androzy ie, nivola hozao; "Zao ro ho volaniko anareo amy Esao tompoko: "Zao ty safy i jakoba mpanomponao hoe: 'Fa nipetraky hiaraky tamy Labana zaho, sady nampihemotsy ty foliako zisiky henanizao. ⁵Mana aomby, boriky, aondry noho ty aosy, sady mpiasa lahilahy noho mpiasa ampela zaho. Nandefa ty hafatsy toy tamy ty tompoko zaho, mba hahazoako sitraky amy ty masonao eo."⁶Nimpoli tamy Jakoba tany mpanday hafatsy rey sady nivola hazao: "Nandeha tamy ESao rahahinao zahay. Ho avy hifankahita amiano ie, sady lahilahy efajato ro hiaraky aminy," ⁷Sady navaka mare sady nagitikitiky i jakoba. Le nozarany ty olo niaraky taminy mba vondro roe, sady aondry noho ty aosy rey koa, omby, rameva. ⁸Hoy tiasany: "Lafa avy amy ty toby raiky i Esao ka manafiky zay, le ho afaky milay ty toby raiky sisany."⁹Hoasa i Jakoba: "Nao lahy Njanaharin' i Abrahama babako, noho Njanahary Isaka babako, lahy Yaveh, zay mivola hozao amiko: "Molia amy ty taninao noho ty longonao any, sady Zaho hitahy anao," ¹⁰tsy maeava asa fanenkea mahetoky rey noho famendreham-pitokia iabyze nanovinao ho tiahy mpanomponao zaho. Fa ty kobaiko ro mba nandesiko nitsaky toy Jordana toy, sady henanizao fa nanjary toby roe zaho.¹¹Mba vonjeo amy ty tana ty rahalahiko, ty tana i Esao zaho, fa mavaka azy zaho, hay ndra ho avy ie hanafiky ahy noho ty reny mbamy ty anaky. ¹²Kanefa Iha nivola hozao: "Ho tahiako vatany iha. Hanoviko manahaky ty fasindriaky ty tarihanao, ze tsy ho voaisaky."¹³Tamy halikininy le nipetraky teo i Jakoba. Nangalaky ty ilany ze nananany niaraky taminy ie mba ho fanomezana ho tiahy Esao rahalahiny: ¹⁴osy vavy roanjato sady aondry lahy roapolo, ¹⁵rameva be ronono telopolo sady ty anaborikindrozy, aomby vavy efapolo noho aomby lahy folo, apondra vavy roapolo sady apondra lahy folo. ¹⁶Nameany rey mba ho antana ty mpanompony, ty toby kiraikiraiky iaby. Nivola tamy ty mpiasany hozao ie: " Mandina alohako eo le asio elanela saky vondrombiky."¹⁷Nanome hevitsy ty mpiasa velohanyie, nivola hozao: "Lafa nifanojo amy Esao rahalahiko le manontany anareo, manao hozao: 'Olon'ia nareo? Ho aia nareo? Ahinia ty biby ze alohanareo?" ¹⁸Le hivola hozao nareo: "Tiahy Jakoba mpiasanao rey. Rey le fanomezana nalefa ho tiahy Esao tompoko.Ingo, avy afarany avao koa ie."¹⁹Nanome toromariky ty vodro faharoe,ty fahatelo,sady ty lahilahy iaby ze nanoriky ty lia ty bibilako rey avao koa Jakoba. Hozao ty asany: "hivola raha mifanahaky amy Esao nareo lafa mifanojo aminy. ²⁰Tsy maintsy mivola avao koa nareo hoe: 'Jakoba mpanompona le avy baka afarany."²¹Fa hozao ty dininy: " Hampijano azy amy ty fanomezana ze nalefako talohako zaho. Sady bakeo,lafa hitako ie,le vasa mety handramby ahy ie." ²¹Le nalefa talohan-drozy ty fanomezana. Le vatany avao nijano tan-toby tamy ty haliky iny.²²Nifoha Jakoba nandritsy ty haliky, sady nangalaky ty valiny roe, ty anak'ampelany roe, nohy ty anaky lahiny folo raiky amby folo. Nalefany tampita ty tana Jakoba rozy. ²³Tamy io ro napitandrozy tampita ty rano mandeha niaraky tamy hanagnany iaby.²⁴Tavela raiky Jakoba,sady nisy lahilahy raiky nialy taminy zisiky maraindray ty andro.²⁵Lafa hitany lahilahy iny fa tsy haharesy azy ie, le nivangoany ty foto-pe Jakoba.Nipitsiky ty fotopen'i Jakoba laha nialy taminy ie. ²⁶Nivola hoizao lahilany iny: "Aleo zaho handeha ,fa ho mangotinana zao".Nivola hoizao koa Jakoba :"²⁷Tsy hanenga anao zaho laha tsy mitsipy rano ahy iha".²⁷La hoizao tiasa i lahilahy iny:"Ia ty anaranao?" Jakoba namaly hoizao:"Jakoba".²⁸Hoasa lahilahy iny hoe:" Ty anaranao le tsy ho Jakoba sasy,fa Israely noho tamy vahoaky ka fa nandresy. ²⁹Nanontany azy jakoba hoe :Mba volano ahy lahy ty anaranao ". Hoasany hoe: Nanino iha ro manontany ty anarako"?Lafa bakeo nitsipy rano azy teo ie. ³⁰Jakoba ty anarany toera io hoe Peniela safe hoasany hoe: "Fa nifankahita tarehy tamy Njanahary zaho, ka avotsy ty aiko ".³¹Niposaka ny masoandro laha nandalo an'i Pelania Jakoba.Nimaty ie noho ty foto-peny. ³²Zay ty dikany tsy nihinana ty olon' Israely ty hozatsy ty foto- pe ze amy ty fitohiza ty fe eo zisiky henenikizao, safe nandratsy ty hozatsy ty lahilahy reo lafa nanoraky ty fotepe ty Jakoba.

Chapter 33

¹Nijilo anabo Jakoba sady ,ingo Esao namonjy, sady nisy lahilahy efa-jato niaraky taminy. Nizara i Jakoba tamy i Lea, Rahely, sady mpanompo ajam-pela rey. ²Bakeo le nengany taloha teny mpanompo ampela noho ty anakin-drozy rey, niorihy Lea noho anany rey, sady norihy Rahely noho Josefa ty farany bibiky. ³Ie mihintsy ro nandeha talohan-drozy.Nandohaliky im-pito tan tany teo ie,zisiky ty niaviany tanila ty rahalahiny teo ie.⁴Nilainday mba hitsena azy Esao, nipiritsy azy,nameo ty vozony sady nanoroky azy. Bakeo nitany ndrozy. ⁵Lafa nijilo anabo Esao, le nahita aja noho ampela ndrozy . hozao ty asany : "Ia olo miaraky aminao reo?"Hozao ty asa i Jakoba : "Reo ro aja ze namean-Janahary tamy fahasoa ho ahy ty ty mpanomponao."⁶Bakeo nandeha taloha teny ty ampela mpanompo niaraky tamy anany reo,sady nandohaliky ndrozy . ⁷Bakeo nanontany taloha teny avao koa Lea noho anany reo sady nandohaliky. Lafa farany Josefa noho Rahely nanontany taloha teny noho nandohaliky . ⁸Hozao ty asa i Esao: " Ino ro ty dika ty nandefasanao olo lako nitojiky tamiko rey?" Hoasa i Jakoba hoe: "Mba ahazoa sitraky aloha ty tompoko eo."⁹Hozao ty asa Esao: "Fa mana ty ampy zaho, lahy rahalahy. tanjaho hoahy ty vatanao ze anananao." ¹⁰Hoy ty asa i Jakoba: " Aha,mangataky lahy,lafa nahita fitea tamasonao teo zaho,le enkeno ty fanomezaka baka amiko,ze antanako,eka vatany,fa nahita ty tarehinao zaho,sady manahaky ty mahitaky ty tarehin-Janahary zay,sady le nirambesinao zaho. ¹¹Mba rambeso lahy ty fanomezaka ze nandesiko ho ty ahinao,safe fa nanome fahasoaava ahy Njanahary,sady safe fa mana ty ampy zaho." Le manahaky zay ro nandrisiha i Jakoba azy,le nenkea i Esao zay.¹²Hozao ty asa i Esao: "Ndao tsika hiongaky. Handeha alohanareo zaho." ¹³Hozao ty asa i Jakoba taminy: "Ty tompoko le nanafatsy fa mbo kely aja retoa,sady mbo niteza ty anany aondry noho aomby rey. Lafa andesy mare ndra andro raiky avao aza ndrozy, le ho maty biby iaby rey. ¹⁴Mba engao lahy ty tompoko handeha aloha ty mpiasany. Handeha moramora mare zaho,manahaky ty fandeha ty biby hare ze alohako eo,sady manahaky ty lian'aja retoa,zisiky hiaviako amy ty tompoko a Seira any."¹⁵Hozao ty asa i Esao: "Engao hajanoko aminao ty ilany amy ty lahilahy miaraky amiko rey." Le hozao ty asa i Jakoba: " Manino ro manao hozay? Fa ampy ty hasoa ty fanahy ty tompo tamiko." ¹⁶Le nanomboky ty liany himpoly ho a Seira any Esao tamy fotoa io. ¹⁷Nandeha ta Sokota i Jakoba, namboatsy trano ho ty azy, sady namboatsy aloky ho ahy ty biby hariny rey. Lafa zay le nikaihy hoe Sokota ty toera io.¹⁸Lafa niavy baka ta Padana-Arama Jakoba, le niavy soa aman-tsara ta amy ty tana i Sekema, ze tamy ty tany Kanana tao. Nivory tanila ty tana ie. ¹⁹Bakeo ie nivily ty pakila ty tany ze nanamboarany ty lainy tamy ty anak'i Hamora, baba i Sekema, tamy ty volafoty maliniky zato. ²⁰Teo ro nanamboarany alitara sady nikaihany hoe El-Elohe Israely zay.

Chapter 34

¹Dina, anakam-pela i Lea tamy i Jakoba, nandeha mba hifanojo amy ty anakam-pela ty faritsy rey. ²Sekama anakilahy Hamora Hevaita, azy mpanjaka ty tany iny, nahitaky azy le nandrava azy, noho nanery azy sady niaraky niroro taminy. ³Niteany vatany i Dina, azy anakam-pela i Jakoba. Teany azy ampela iny sady niresaky tam-pitiava taminy. ⁴Nivola tamy Hamora babany i Sekema, nanao hozao: "Alao mba ho valiko somon-drara io." ⁵Sady Jakoba nahare fa nandoto an'i Dina azy anak'ampelany iny ie. Tam-baibo niaraky tamy ty biby hare ty anakilahiny rey, lafa zay le nitanjaky ty tsy fivolanany zisiky hiavian-drozy Jakoba. ⁶Nandeha amy Jakoba any mba hiresaky aminy i Hamora baba i Sekema. ⁷Niavy baka am-baibo any ty anakilahy Jakoba rey lafa nahare ty olo. Meloky vatany lahilahy rey. Meloky mare ndrozy safe nanafa-baraka an'Isaraely ie tamy ty fandrvany ty anak'ampela i Jakoba, le karazan-draha zay ro tsy tokony nanovy. ⁸Nivola tamin-drozy Hamora, nanao hozao: "Sekema anakilahiko ro tea ty anak'ampelanao. Le mba ameo ho valiny lahy ie." ⁹Mifanam-balia aminay, ameo anay ty anak'ampelano sady alao ho ahinareo ty anak'ampelanay. ¹⁰Hiaro petraky aminay nareo, sady ty tany hivoaha ho ahinareo mba hitoera noho hamarota, sady hanjary fanana. ¹¹Hozao ty asa Sekema tamy babany noho rahalahiny rey hoe: "Enganie hahita sitsaky amasonareo eo zaho, sady ndra ino ndra ino volaninareo ahy le hameako. ¹²Angataho amiko na sarotsy aza ty takalo ty valy noho ty fanomeza manahaky ze sitsaky nareo, sady hameako anareo ndra ino ndra ino volaninareo amiko, le ameo ho valiko azy somon-drara iny. ¹³Namaly amy fitaky an'i Sekema noho Hamora babany anakilahin'i Jakoba, safe nandoto an'i Dina anabavin-drozy i Sekema. ¹⁴Hoy rozy tamin-drozy ho zao: "Tsy afaky manao raha zay zahay, hanome ty anabavinay ho ahy ty olo ze tsy nisavatsy; le ho fanalam-baraka ho ty ahy nay zay. ¹⁵Amy fepetsy zao avao ro hanenkeanay anareo: lafa misavatsy manahaky anay iha, sady lafa misavatsy iaby ty lahilahy iaby aminao eo. ¹⁶Le hameanay anareo anak'ampelanay, sady halanay ho ty ahinay anak'ampelanareo rey, le hiharo-petsaky tsika le ho lasa ololako raiky. ¹⁷Le lafa tsy mijanjy anay nareo le tsy misavatsy, le handesinay ty anabavinay sady handeha zahay. ¹⁸Nitea an'i Hamora noho i Sekema anany ty safan-drozy. ¹⁹Le azy pamaraky iny ro tsy nilenalena nanao ze nivolan-drozy, safe soasoa tamy ty anak'ampela i Jakoba ie, sady safe ie ro olo hameam-boninahitsy bibiky amy ty longo ty babany iaby any. ²⁰Nana amy ty varavara ty tanan-drozy any i Hamora noho Sekema sady nivola tamy ndaty ty tana rey, nanao ho zao: ²¹"Milongoa amintsika olo rey, le engao ndrozy hipetraky amy ty tany noho hamarotsy eo amy zay, eka vatany, le vatany malalaky, ampy ho androzy ty tany. Hangalaky androzy ty anak'ampela ho valy tsika, hanome androzy ty anak'ampela tsika. ²²v 22 Amy ty fepetsy raiky toy avao ro hanenkea ty olo hiharo -petsaky amintsika noho hoavy olo lako raiky: lafa mitampaky iaby ty lahilahy amintsika eo, manahaky ty maha vitan-tampaky androzy. ²³Tsy ho azo tsika iaby va ty biby hare noho ty hananan-drozy—sady ty biby iaby? Le enganie hanenky ndrozy. ²⁴Nitojiky Hamora noho Sekema, ty anakilahiny iny ty olo iaby ta tantana tao. Nisavary ty lahilahy iaby. ²⁵Tamy ty andro faha telo, laha mbo tanay ty faharary ao ndrozy, ty roe tanay ty anakilahy Jakoba (Simeona noho Levy, anadahy i Dina), le samby nandramby ty meso sady nanafiky ty tana ze azo antoky ty fiarova azy, ndrozy, le namono ty lahilahy iaby. ²⁶Nivonon-drozy tamy ty lela meson-drozy i Hamora noho Sekema anany. Nalan-drozy tan-tsano i Sekema tao i Dina sady nandehan-drozy. ²⁷Nandeha tam-paty eo anakilahy i Jakoba sady nandrava ty tana, safe fa nandoto ty anabavin-drozy ty olo. ²⁸Nalan-drozy ty aondry amason-drozy, sady ty raha iaby tamy ty tana noho ze miodidy ty baibo ²⁹noho ty hanan-drozy iaby. Ty anaky noho ty valin-drozy iaby, le nisamborin-drozy. Nalan-drozy miaraky amy try raha iaby ze tan-tsano tao. ³⁰Hoasa Jakoba tamy i Simeona noho Levy hozao: "Nanday olo ho ahy nareo, naha mantsy ahy tamy olo mipetsaky tamy ty tany rey, Kananita noho Perizita rey. Tsy lako hisaky zaho. Laha miara-hevitsy hanohitsy ahy noho hamango ahy androzy, le ho resy zaho, ³¹zaho noho ty longoko." Tokony handay ty anabavinay manahaky ty ampela tsy manambaly va i Sekema?"

Chapter 35

¹Hoasa Njanahary tamy Jakoba hozao: "Mitsangana, mandena mana-Betela any sady mipetsaha any. Manamboara alitara any ho ty ahy Njanahary, ze niseho taminao tamy iha mbo nilay an'i Esao rahalahinao." ²Sady Jakoba nivola tamy ty longony noho ze nanoriky azy iaby rey ho zao: "Engao Njanahary hafa ze aminareo eo rey, anovo malio ty vatanareo, sady solo ty fisikinanareo." ³Andao tsika handeha ho a-Betela any. Hamboatsy alitara any zaho ho ty ahy Njanahary, ze namonjy ahy tamy ty andron'alaheloko, noho niaraky tamiko avao ndra taia ndra taia nandehanako." ⁴Le namean-drozy an'i Jakoba Njanahary hafa iaby ze tan-tany teny rey, noho kiviro tan-tsofin-drozy teny rey. Nalevy i Jakoba tambany ty hazo teribina ze anila i Sikeme rey ao. ⁵Lafa nandehan-drozy, le nandatsahan-Janahary horohoro tamy ty tana manodidy androzy, Le tsy nania anakilahy i Jakoba rey olo rey. ⁶Niavy ta- Lozy tao i Jakoba (ze a-Betele ao avao), ze amy ty tany Kanana ao, ie noho olo rey iaby ze niaraky taminy. ⁷Nampitsanga alitara tao ie sady nikaihiny hoe El-betela ty toera zay, safe tao Njanahary ro nanambara ty vatany taminy, laha nilay ty rahalahiny ie. ⁸Sady maty i Debora, piteza an'i Rebeka. Nalevy tambanimbany ty Betela tambany azy hazo teribina iny ao ie, le nikaihy zay hoe Alona-bakota. ⁹Lafa nimpoly baka Padan-Arama any i Jakoba, le niseho taminy ndraiky Njanahary sady nitsi-pirano azy. ¹⁰Hoasa Njanahary taminy hozao: "Jakoba ro anaranao, lafa tsy kaihy Jakoba sasy iha. Fa atao hoe Israely." Le kaihy Njanahary hoe Israely ty anarany. ¹¹Hoasa Njanahary taminy hozao: "Zaho ro Njanahary Tsitoha. Miteraha lako sady mihamaroa. Hisy firenena noho ty fiharoam-pirenena hiboaky baka amina, sady mpanjaka ro ho amy tarihanao eo." ¹²Ty tany ze nameako an'i Abrahama noho Isaka, le hameako anao. Ho ty ahy ty tarihanao ze misolo anao le hameako ty tany avao koa. ¹³Le nandeha sady niala taminy teo, tamy azy toera ze nivolaniny taminy Njanahary. ¹⁴Namboatsy tsangam-bato tamy ty toera niresahan-Janahary taminy i Jakoba, tsangam-bato vita tamy ty vato. Nandrarakany fanomezana inomy noho nandrarakany menaky tamy zay eo ie. ¹⁵Nikaihy i Jakoba hoe Betela azy toera ze niresahin-Janahary taminy iny. ¹⁶Niala ta Betela tao ndrozy. Laha mbo lavidavitsy a-Efrata any ndrozy, le maty anaky i Rahely. Saro-piteraha ie. ¹⁷Laha tanay ty faharary ty fahasarotam-piteraha tao ie, le nivola taminy azy pikarama iny hozao: "Ka matahotsy, fa zao le hahazo aja lahilahy raiky hafa iha." ¹⁸Sady lafa tam-piala ay eo, tamy ty fara ty imbonainy ro nikaihiny azy hoe Benony ie, nefa ty babany nikaiky hoe Benamina. ¹⁹Maty Rahely sady nalevy tamy ty lala mana Efrata any (ze anovy hoe Betlehema). ²⁰Namboatsy tsangam-bato tanabo ty lolony eo i Jakoba. Zay ro fahaiza ty lolon'i Rahely zisiky amy zao. ²¹Nanohy ty liany Israely sady nampitsanga ty lainy tambaliky ty tilikambo fandinisa aondry noho aosy rey. ²²Lafa nipetsaky tamy tany zay ao Israely, le niaraky niroro tamy i Bila ze valy keliny i Robena, le re Israely zay. Sady nana anakilahy folo roa amby i Jakoba. ²³Ty anakilahy baka amy i Lea ro Robena, azy anakilahy i Jakoba velohany, noho Simeona, Levy, Joda, Isakara, sady Zebolona. ²⁴Ty anakilahy baka amy i Rahely ro Josefa noho Bejamina. ²⁵Ty anakilahy baka amy i Bila, ze mpiasa ampela i Rahely, ro Dana noho Naftaly. ²⁶Ty anakilahy baka amy i Zilpa, mpiasa ampela i Lea, ro Gada noho Asera. iabiaby reo ro anaky i Jakoba ze naterakiny ta Padana-Arama any. ²⁷Jakoba niavy tamy Isaka any, babany, ta Mamre ta Kiriath-Arba any (na Hebrona avao koa), toera ze nipetraka i Abrahama noho Isaka. ²⁸Niavy valopolo amby zato tao Isaka. Niala ay i Isaka le maty sady navory ho amy ty razambeny rey any, zokin'olo velohany ie. ²⁹Esao noho Jakoba, sady anakilahiny reo, ro nandevy azy.

Chapter 36

¹Ndreto ty tariha i Esao (le kaihy hozao avao koa: Edoma).² Baka amy Kananita reo i Esao ro nangalaky valiny rey. Ndreto iaby valiny rey: Ada azy anak'ampela i Elona azy Hetita iny; Oholibama azy anak'ampela i Ana, azy zafikely i Zibona azy Hivita iny; ³sady Basemata, anak'ampela i Ismaela, anabavy i Nebaiota.⁴Niteraky an'i Elifaza tamy i Esao i Ada, sady Basemata niteraky an'i Regoela. ⁵Oholibama niteraky an'i Jeosy, Jalama, noho Kora. Reo ty anaky natera i Esao ze teraky ho ty azy tamy ty tany Kanana any.⁶Nala i Esao valiny rey, anakilahiny rey, anak'ampelany rey, noho mpivory iaby miaraky amy ty longony rey, biby hare rey--bibiny iaby rey, noho ty hananany iaby, ze navoriny tamy ty tany Kanana rey, le nandeha nana amy ty tany ze lavitsy an'i Jakoba rahalahiny any. ⁷Nanao zay ie safe lako mare ty fananan-drozy laha hiharo petsaky. Ty tany ze fa namboaran-drozy fipetraha le tsy nahazaka androzy noho ty biby haren-drozy.⁸ Laha zay Esao, ze hay avao koa amy ty hoe Edoma, le nipetsaky ta anabo vohitsy i Seira any.⁹Ndrozy ro tariha i Esao, azy razam-be ty Edomita tan-bohitsy i Seira. ¹⁰Ndretoa ty anara ty anakilah'i Esao: Elifazara anak'i Ada, azy valy Esao, Regoela anak'i Basemata, azy valy Esao. ¹¹Temana, Omara, Zefo, Gatama, sady Kenaza ro anakilah'i Elifaza. ¹²Timna, valy masay i Elifazara, anak' i Esao, niteraky any Ameleka. Rey ro zafikely an'i Ada, valy Esao.¹³Retoa ty anak'i Regoela: Nahata, Zera, Sama sady Miza. Rey ro zafikely Besamata, valy Esao. ¹⁴Ndretoa ty anak'i Oholibama, valy Esao, azy anak'ampela i Ana noho zafikely Zibona. Ie le niteraky an'i Joesy, Jalama, sady Kora tamy Esao.¹⁵Retoa ty foko tamy ty tariha i Esao: rey ty tariha i Elifaza, azy talan'olo lahilahy Esao: Temana, Omara, Zefo, Kenaza, ¹⁶Kora, Gatama, noho Amaleka. rey ro foko ze baka amy tty tariha i Elifaza tany amy ty tany Edoma. ndrozy rey ro zafikely Ada.¹⁷Ndreto ty foko baka amy Regoela, anakilah'i Esao: Nahata, Zera, Sama, Miza. Rey ty foko baka amy ty tariha i Regoela tamy ty tany i edoma tany. Rey ty zafikely Basemata, valy Esao. ¹⁸Ndretoa ty foko i Oholibama, valy Esao: Jeosy, Jalama, Korra. rey ty foko baka amy ty tariha i Oholibama valy Esao, anakampela i Ana. ¹⁹Rey ty anakilah'i Esao, sady rey ro fokon-drozy.²⁰Ndretoa ty anakilahy Seira azy Horita, rey ty mpipetraky ty tany: Lotana, Sobala, Zibona, Ana, ²¹Disona, Ezera, noho i Disana. Rey ty foko i Horita, rey ty nipetraky ta Seira tany amy ty tany Edoma tany. ²²Hory noho Hemana ro anak'i Lotana, sady Timna ro anabavy Lotana. ²³Ndretoa ty anakilah'i Sobala: Alvana, Manahata, Ebalá, Sefo, noho Onama. ²⁴Retoa ty anakilah'i Zibona: Aia noho Ana. Ana ro nahita azy loharano mafana tan'efitsy tany, lafa niamby ty boriky ty Zibona babany ie. ²⁵Retoa ty anak'i Ana: Disona noho Oholibama, azy anak'ampela i Ana. ²⁶Retoa ty anakilah'i Disona: Hemdana, Esbana, Jitrana, sady Kerena. ²⁷Retoa try anakilah'i Ezera: Bilana, Zavana, noho i Akana. ²⁸Retoa ty anakilah'i Disana: Oza noho Arana. ²⁹Retoa ty fokon-drozy Horita: Lotana, Sobala, Zibona, noho i Ana, ³⁰Disona, Ezera, Disana: retoa ty foko i Horita, araky ty fokon-drozy notanisa tany amy ty tany Seira tany. ³¹Retoa ty mpanajaka ze nanjaka tamy ty tany Edoma taloha ze mpanajaka nanjaka tamy ty Israelita teo: ³²Bela anaky Beora, nanjaka ta Edoma, sady Dinaba ro anara ty tanany. ³³Lafa nimaty Bela, le nanjaka tamy ty toerany Jobaba anakilah'i Zera, baka a Bozra any. ³⁴Lafa nimaty Jobaba, le nisolo ty toerany i Hosana ze baka amy ty tana i Temanita rey. ³⁵Lafa nimaty i Hosama, le nisolo ty toerany i Hadada anakilah'i Bedada azy naharesy any Medianita rey tany amy ty tany i Moaba. Avita ro anara azy tanany. ³⁶Lafa nimaty Hadada, le nisolo ty toerany i Samla baka a Masreka any. ³⁷Lafa nimaty Samla, le nisolo ty toerany Saoly baka a Rehobota any ze anila ty rano. ³⁸Lafa nimaty Saoly le nisolo ty toerany Bala- hanana azy anakilah'i Akbora. ³⁹Lafa nimaty Bala-hanana azy anakilah'i Akbora, le nisolo ty toerany i Hadara. Pao ro anara azy tanany. Ty anara ty valiny le Mehetabela, azy anakampela i Matreda, azy zafikely i Me- zahaba. ⁴⁰Retoa ro anara ty be ty foko baka amy ty tariha i Esao rey, araky fokorey nho ty faritsin-drozy: Timna, Alva, Jeteta, ⁴¹Oholibama, Elaha, Pinona, ⁴²Kenaza, Temana, Mibraza, ⁴³Magdiela, Irama. Rey ty be ty foko i Edoma, araky ty petrany amy ty tany ze nanan-drozy rey. Esao zay, azy baba i Edomita.

Chapter 37

¹Nipetraky tany amy ty tany azy tany nipetraha ty babany Jakoba, tany tany Kananatao. ²Zao ty raha nahazo an'i Jakoba. Josefa, azy pamaraky folofito amby tao, le niampy ty aondry noho ty aosy rey niarakany tany ty rahalahiny. Ie le niaraka tany ty anakilahy Bila rey noho anakilahy Zilpa, azy valy ty babany. Nanao tatitsy raty mikasiky androzy tany ty babany Josefa. ³Le tea Israely mandilatsy ty anakilahiny hafa rey Josefa noho ie anakilahy ty fahanterany. Nitrebehany siky soa biby ie. ⁴Hita ty rahalahiny fa tea ty babany mandilatsy ty rahalahiny iaby rey ie. Nalay azy ndrozy sady tsy nivola tam-pitiava taminy. ⁵Niazo i Josefa nofy, sady nivolaniny tany ty rahalahiny zay. Vo maiky ndrozy nalay azy. ⁶Hoasany tamin-drozy: "Mba janjino lahy ty nofiko zay nanofisako zay. ⁷Ingo, namehy fehim-bary tam-baibo tsika sady ingo, niarina ty fehim-bariko le nitsanga soa, le ingo, nilahitsy mihodidy ty ahy avao ko ty fehim-barinareo sady nandohaliky miatriky ty fehim-bariko." ⁸Hoasa ty rahalahiny taminy: "Le hanjaka aminay vatany va iha? Handidy anay vatany va iha?" Vo maiky ndrozy nalay azy mikasiky nofity noho safany rey. ⁹Le mbo nanonofy hafa ndraiky ie le nivolaniny tany ty rahalahiny. Hozao tiasany: "Mbo nahazo nofy raiky hafa ndraiky zaho: Nandohaliky tanatrehako ty masoandro noho ty volana folo raiky amby." ¹⁰Novolaniny tany ty babany zay manahaky nanovny tany rahalahany, le novolany ty babany mare ie. Hozao ty asany aminy: "Ino va raha azonao nofy zao? Le nandohaliky tany ty tany anatrehanao vatany va zaho noho ty reninao sady ty rahalahinao rey?" ¹¹Nialona azy rahalahiny rey, fa ty babany avao ro nahatiaro zay tan-tsainy tao. ¹²Nandeha niampy ty aondry amy ty aosy ty babany ta Sekema tany rahalahiny rey. ¹³Hoasa Israely tany Josefa hoe: "Vasa tsy niampy aondry amy ty aosy a Sekema any va ty rahalahinao? Avia, fa iharako amin-drozy iha." Hoasa i Josefa taminy: "Vonona zaho." ¹⁴Hoasany taminy hoe: "Mandina, le henteo laha salama ty rahalahinao noho ty aondry amy ty aosy le tatero amiko atoy." Le nasesiny Jakoba mandilatsy ty baibo i Hebrona ie, le nandeha ta Sekema Josefa. ¹⁵Le nisy lahilahy raiky nahita an'i Josefa. Ingo, Josefa nikariokaroka tan-baibo. Nanontania azy lahilahy iny hozao ie: 'Ino va ty raha ilanao?' ¹⁶Hoasa i Josefa hoe: "Mitalia ty rahalahiko zaho. Azafady mba volano amiko lahy, aia ndrozy ro miamby ty aondry noho ty aosy." ¹⁷Hozao ty asa ty lahilahy iny: "Fa niala tany ty toera toy ndrozy, le reko ndrozy nivola hozao: 'Ndao tsika ho a Dotana.'" Nanoriky ty lia ty rahalahiny Josefa le nahita androzy ta Dotana. ¹⁸Talakin-drozy baka lavitsy ie, sady taloha ty niaviany tanilandrozy, le nanao hevitsy hamoana azy ndrozy. ¹⁹Nifampiresaky rahalahiny rey hoe: "Henteo, ingo azy mpanonofy. ²⁰Avia henany io, ndeha hovonoantsika ie le hatorakitsika amy ty raiky amy lavaky rey. Ho vonitsika hoe: 'natelinty bibily ie.' le ho hitantsika eo ze hiafara ty nofity." ²¹Nahare zay Robena le namonjy azy tam-pela tanandrozy. Hozao tiasany: "Aleo tsy afahan-tsika ty ainy." ²²Hoasa i Robena tamin-drozy: "Ka mandatsaky lio. Atoraho any amy ty lavaky azy an'efitsy ie, fa ka mikasi-tana azy"--- mba hahazany manaotsy azy an-tananandrozy le handay azy mimpoly amy ty babany. ²³Lafa niavy tany ty rahalahiny rey i Josefa le nendahan-drozy taminy azy siky soa biby iny. ²⁴Nirambesin-drozy ie le natorakiny tanay ty lavaky tao. Tsy misy ino tanay ty lavaky sady tsy nisy rano tanainy tao. ²⁵Nipetraky ndrozy mba hihina ty mofo. Nampiantra ty masony ndrozy le nanenty, ndrey, nisy Ismaelita niraky lia baka a Gileada, niarakany tany ramevan-drozy ze nanday hanitsy, noho balsama sady miora. Nandeha ndrozy mba handay zay mba hijotso ho a Egipta any. ²⁶Hoasa i Joda tany ty rahalahany hoe: "Ino va ty tombotsoan-tsika laha mamono ty rahalahantsika noho maminy ty liony tsika?" ²⁷Ndao, sady engaho havarotsitsika amy ty Ismaelita rey ie sady engaho tsy hisy hikasi-tana azy tsika. Safe rahalahintsika ie, nofitsintsika ie." Nijanany azy rahalahiny rey. ²⁸Nandalo Midianita rey mpamarotsy mandeha. Nosintoniny rahalahiny rey baka an-daviky Josefa. Navarotsin-drozy farantsa volafoty roapolo tany Ismaelita rey Josefa. Le nandesin-drozy Ismaelita ta Egipta i Josefa. ²⁹Nimpoly tanila ty lavaky teo Robena, le, ingo, tsy tanay ty lavaky i Josefa. Notatahany ty sikiny. ³⁰Nimpoly tany ty rahalahany ie sady nivola hoe: "Tsy ao azy aja lahilahy! Aia va ty tany handinako?" ³¹Namono aosy raiky ndrozy sady nangalaky ty siky Josefa le nanajoboky zay tany lio tao. ³²Le nandesin-drozy tany ty babany zay le hoasan-drozy hoe: "Hitanay toy. mba henteo laha siky ty anakinao toy ndra tsy ie." ³³Hainy Jakoba zay le hozao tiasany: "Siky ty anako toy. Nately ty bibily ie. Le vatany nalahelo biby Josefa." ³⁴Nanataky ty salotsiny Jakoba sady nisiky lamba fisaonana tam-balahany teo. Nisaona ty anany naharitsy ty fotoa lako ie. ³⁵Nitsanga nampiono azy iaby ty anakilahany noho ty anak'ampelany iaby, fe tsy nety nampionona ie. Hozao tiasany: "Hijotso ho amy ty fiaina tsy hita vatany zahi hisaona ty anakilahiko." Nitany azy ty babany. ³⁶Navarotsy Midianita rey ta Egipta tany Potifara ie, tandapa i Farao, azy be ty mpiamby.

Chapter 38

¹Sady tamy fotoa zay le nanenga ty rahalahany rey i Joda le niharo petraky tamy Adomita, ze nikaiha hoe Hira.

²Tany ro nifanojoan-drozy tamy ty anaka vavy ty lahilahy Kananita ze nikaiha hoe Soa. Nanambaly azy ie sady niara-niroro taminy.³Nana anaky ie sady nahazo aja lahilahy, Era ro ikaiha azy.⁴Nana anaky ndraiky ie sady nahazo aja lahilahy. Nikaihy hoe Onana. ⁵Sady mbo nahazo aja lahilahy ndraiky ie sady nikaihy hoe Sela. Ta Keziba any ro niterahany azy.⁶Joda nahita valy ho ahy i Era, anakilahiny velohany. Tamara ro anarany.⁷Era anakilahy i Joda velohany ro raty tamso i Yaveh eo. Nivono i Yaveh ie.⁸Hoasa Joda tamy i Onana hozao: "Miroroa miaraky amy ty valy ty rahalahinao. Anovo aminy ty didy amy ty maha-zokilahy iha, sady mampitsangana anaky ho ahy ty rahalahinao." ⁹Sady hay i Orana fa ty aja ro tsy ho azy. Le isaky ty niaraky niroro tamy ty valy ty rahalahiny ie, le naranany tamy ty tany ty tavy ty ainy mba tsy hananany aja ho ahy ty rahalahiny. ¹⁰Raty ty nanoviny tamaso i Yaveh eo. Nivono i Yaveh avao koa ie.¹¹Le hoasa Joda tamy i Tamara, vinantony ampela hoe: "Enganie hijano mpanday vata an-tsano babanao zisiky ty maha bevata an'i Sela iha, anakilahiko." Safe natahotsy ie hoe: " tsy noho maty nanahaky ty rahalahiny rey avao koa ie." Nandeha i Tamara sady nipetsaky tan-tsano babany ao.¹²Fotoa lako tafara tatoy, le maty ty valy i Joda, anak'ampela i Soa. Fa nieny i Joda sady nandeha tamy ty mpihety ty aondry ty tany Timna, ie noho Hira azy Adolamita namany iny.¹³Nisy nivola tamy i Tamara hozao: "Ingo, ty rafozanao le mandeha ta Timna any hihety ty aondry." ¹⁴Nalany ty siky maham-panday vata azy le nirakofany ty voaliny sady nilombofany ty vatany. Nipetsaky tam-baravara i Enaima eo, ze tanila ty lala mana Timna eo any ie. Safe fa hitany fa bevata i Sela hondy tsy mba natahotsy ho valiny ie.¹⁵Lafa nahita azy i Joda le nidiniky fa mpamarotsy-vata ie safe nilombofany ty tarehiny.¹⁶Namonjy azy tan-dala eny ie sady nivola hoe: "Avia, aleo zaho mba hiaraky hiroro aminao" ---safe tsy hainy hoe vinantony ampela ie---sady hoy ie hozao: "Ino ro hameanao ahy le mahazo miroro amiko iha?"¹⁷Hoy ie hozao: "Hanaterako anak'aosy amy aondry noho aosy rey iha." Hoy ie hozao: "Hanao fitana amiko va ih zisiky ty hanateranao zay?"¹⁸Hoy ie hozao: "Ino ro fitana tokony hameako anao?" ho zao ty namaliany azy: "Tampo noho ty folinao, sady kobay an-tananao eny iny." Nameany azy rey sady niaraky niroro taminy ie, le nibevoa taminy ie.¹⁹Nitsanga ie sady niala teo. Nalany ty voaliny sady nampiliriny ty siky maha mpandaitena azy. ²⁰Nampaneteriny an'i Joda an'i azy Adolamita namany iny ty anak'aosy tamy aondry noho aosy rey mba hazahoany azy fitana tan-tanan'ampela eny iny, hondy tsy nahita azy ie.²¹Bakeo le nanonta lahilahy nipetsaky tan-toera teo rey ty Adolamita hozao: "Aia azy mpamarotsy vata tamy ty lala i Enaima iny?" Hoasan-drozy hoe: "Tsy nisy mpamarotsy vata teto." ²²Le nimpoly tamy i Joda any ie sady hoasany hoe: "Tsy nahita azy zaho. Sady hoasa lahilahy tan-toera teo rey koa hoe: "Tsy nisy mpamarotsy vata teto"²³Hoasa i Joda hoe: "Aleo hotanjahiny any raha reny, mba tsy hangalabaraka antsika. Fa nampanesy anak'aosy vatany zaho, hondy iha tsy nahita azy."²⁴Sady lafa afaky telo vola eo le nisy nivola tamy i Joda manao hozao: "Namarotsy vata i Tamara vinantony ampela, sady fa bevoka laha zay vatany ie." Hoasa i Joda hoe: "Andeso atoy ie sady engao horoa." ²⁵Sady lafa naboaky ie le nanesy hafatsy tamy rafozany ie hoe: "Baka amy ty lahilahy tompony reto ro nampibevoka ahy." Hoy ie hozao: "Mba hainao va lahy fa ahinia tampo noho foly sady kobay reto."²⁶Sady hainy i Joda raha reto le hoy ie hozao: "Marina mandilatsy ahy ie, safe ie ro tsy namea ho valy i Sela anako." Sady tsy nirsaky niroro taminy sasy ie.²⁷Tamy andro zay le teraky ie, ingo, hamba ro tan-tsarotsy ao. ²⁸Sady laha tampiteraha teo le niboaky ty tanaky raiky tamy i aja rey, sady nangalaky foly mena azy mpihary iny le nanoviny voy tamy ty tanany sady hoy ie hozao: "Toy ro teraky velohany."²⁹Bakeo le nahemotsiny ty tanany, sady ingo, ty rahalahiny niboaky velohany. Hoasa ty mpihary hoe: "Tamy ty fomba manao akory ro naha tafaboaky anao!" Ka le nikaihy hoe Fareza ie. ³⁰Sady niboaky ndraiky azy rahalahony iny, ze nisy foly mena tamy ty tanany iny le nikaihy hoe Zera ie.

Chapter 39

¹Nandesy nizotso ta Egypta i Josefa. Potifara, manam-pahefa an'i Farao ze kapiteny ty mpiemby noho Egyptiana, ro nivily azy tamy Ismaelita, ze nanday azy nizotso tany.² Nitahy an'i Josefa i Yaveh le lasa lahilahy tahiny ie. Nipetsaky tamy ty tsano ty Egyptiana tompony ie.³ Ty tompony ro nahita fa nitahy azy Yaveh sady naha lako ty raha iaby ze nanoviny.⁴ Le nahita sitsaky tamasony eo i Josefa. Sady nanompo an'i Potifara ie. Nanovy i Josefa, sady ze iaby nananany, le nanoviny tambany fahefany.⁵ Sady nanomboky tamy ty fotoa ze nampitandrahany azy ty tsanony noho ze iaby nanany, le nitahy i Yaveh ty tsano azy Egyptiana iny noho i Josefa. ty fitahia i Yaveh ro tamy ty raha iaby ze nanana i Potifara tan-tsano ao noho tam-baibo ao. ⁶Nenga Potifara tambany fahefa i Josefa eo ze iaby nananany. Tsy nila nandiniky ndra ino ndra ino lafa-tsy ty hany hohany ie. Sady Josefa ro soa tarehy sady maha teatea.⁷ Tafara zay le naniry an'i Josefa ty valy ty tompony. Hoy ie hozao: "Miroroa miaraky amiko."⁸ Le tsy nanenky iesady nivola tamy ty valy ty tompony hoe: "Ingo, ty tompoko tsy miraharaha ze raha anoviko antano ato, sady nampipetsaky tamiko ty raha iaby ze azy ambany fahefako eo ie."⁹ Tsy misy bevata mandilatsy zaho amy tsano toy ato. Tsy nandrara ndra ino ndra ino tamiko lafa-tsy iha ie, safe valiny iha. Le manao akory ro ahafahako manao haratia bevata noho fahota manohitsy an'Janahary zay?"¹⁰ Nivola tamy i Josefa san'andro san'andro ie, fe tsy nanda tsy hiaraky hiroro aminy na hiaraky aminy ie. ¹¹Sady ndraiky andro le nilitsy tan-tsano tao hanao ty asany ie. Tsy nisy tamy lahilahy rey ty nieny tan-tsano ao.¹² Nanambotsy azy tamy ty sikiny ie sady nivola hoe: "Miroroa miaraky amiko." Nengany tan-tanany eo ty sikiny, le nilay, sady niboaky tambaliky any ie. ¹³Lafa hitany fa nengany tan-tanany ty sikiny sady nilay niboaky tambaliky eo ie,¹⁴ le nikaihiny hozao: "Henteo, Potifara nampilitsy Hebreo mba hisomonga antsika. nilitsy tamiko ao ie mba hiaraky hiroro amiko, le nitoreotoreo zaho."¹⁵ Sady lafa reny nitoreotoreo zaho, le nengany tamiko teto ty sikiny, le nilay, sady niboaky tambaliky any ie."¹⁶ Nengany tanila ty siky eo i Josefa eo zisiky iavia ty tompony tan-tsano tao.¹⁷ Nivola taminy tamy fanazava zao ie hoe: "Azy mpiasa Hebreo ze nandesinao hoantsika iny, le nilitsy tato handratiraty ahy. ¹⁸Sady lafa nitoreotoreo zaho, le nengany tamiko ty sikiny le nilay tambaliky any ie."¹⁹ Sady lafa re ty tompony ty fanazava nivolany ty valiny taminy hoe: "Zay ty nanovy ty mpiasanao tamiko," le neloky mare ie. ²⁰Nangalaky azy ty tompony i Josefa le nampipetsaky azy tan-gadra any, toera ze nitandraha ty gadra ty mpanjaka rey. Le tan-tsano maiky tao ie.²¹ Le Yaveh nitahy an'i Josefa le nampiseho ty tsy fivaliham-panekea taminy. Nampahita fitea azy tamaso ty mpiemby ty gadra teo Ie.²² Nampandrambesy tana an'i Josefa ty gadra iaby ze tan-tsano maiky azy mpiemby ty gadra iny. Ndra ino ndra ino ty nanovin-drozy tao, le nandramby tana zay i Josefa. ²³Ty mpiemby ty gadra ro tsy nibaribary ty raha iaby ze tan-tanany teo, safe mitahy azy Yaveh. Ze iaby nanoviny, le nitahy i Yaveh.

Chapter 40

¹Sady tafara raha iaby zay, le nampeloky ty tompon-drozy, azy mpanjakan'i Egipta, ty mpanday kapoaky ty mpanjaka noho ty mpanao mofony. ²Neloky tamy manam-pahefany roe lahy rey i Farao, le ty bevata ty mpanday kapoaky noho ty bevata ty mpanao mofo. ³Nigadrany tan-tsano ty bevata ty mpiemby androzy ao, tamy azy gadra ze nitanjahy an'i Josefa ao avao. ⁴Nitondro an'i Josefa ty bevata ty mpiemby mba ho mpiasan-drozy. Sady ndrozy nipetsaky tanay ty fotoa ty tsy mampisy ty gadra any. ⁵Samby nanonofy ndrozy---azy mpanday kapoaky noho mpanao mofo ty mpanjaka ty Egipta ze nitanjahy tamy ty gadra iny---le samby nana ty nofiny iaby ndrozy roe lahy tamy haliky io, sady ty nofy ndrozy kirairaiky le samby nana ty dininy hafa. ⁶Niavy maray tamin-drozy ao i Josefa sady nahitaky androzy. Ingo, nahaferinay androzy. ⁷Nangataky tamy ty tana i Farao rey ze niaraky taminy tan-gadra tan-tsano ty tompony ao ie, nanao hozo: "Nanino nareo hoy raha mangonotsy zao?" ⁸Hoasa ndrozy taminy hoe: "Nanonofy zahay roe lahy sady tsy misy afaky ty hivola ty diniky zay." Hoasa i Josefa tamin-drozy hoe: "Tsy baka amin'Janahary va ty fanomeza lako zay? Mba volano ahy lahy e." ⁹Le nivola ty nofiny tamy i Josefa azy bevata ty mpanday kapoaky. Hoasany taminy hozo: "Tanay ty nofiko ao, le ingo, nisy voloboky talohako eo." ¹⁰Nisy rantsany telo tamy ty voloboky. Laha nitimoky zay, le namonjy ty voany saady masaky rantsam-boloboky rey. ¹¹Tan-tanako teo ty kapoaky i Farao. Nalako voloboky rey le nifiaziko tanay ty kapoaky i Farao ao rey, sady napetsako tan-tana i Farao zay. ¹²Nivola taminy Josefa nanao hozo: "Toy ty hevitsy zay. Ty rantsam-boloboky telo ro mitovy telo andro." ¹³Tanay ty telo andro i Farao ro hampimpoly ty lohanao sady nampimpoly anao amy ty asanao. Hampipetsaky ty kapoaky I Farao an-tanany eo iha, manahaky tamy ty naham-panandesa ty kapoakiny iha. ¹⁴Le tiarovo zaho lafa milady ty aminao, sady mampiseho ty hasoam-panahy amiko. Volano amy i Farao any zaho sady alao an-gandra ato. ¹⁵Le nirava tamy ty tany Hebreo avao zaho, Eto avao koa ro tsy nisy raha nanoviko ze tokony nampipetrahan-drozy ahy an-gadra ato. ¹⁶Lafa hita ty bevata ty mpanao mofo fa ty dininy zay, le hoy ie tamy i Josefa hozo: "Nanonofy avao koa zaho, sady, ingo, nisy lanitsy telo nisy mofo tan- dohako teo." ¹⁷Tamy ty sobiky anabo bibiky eo ro nisy karazan-draha lako nanovy mofo ho an'i Farao, hondy nihany voro tao rey iaby amy ty sobiky tanabo lohako zay. ¹⁸Namaly I Josefa sady nanao hozo: "Zao ro hevitsy zay. Ty sobiky telo ro mitovy teloandro." ¹⁹Anay ty teloandro ro hangala i Farao ty alohanao sady famonjeany anao ambany hazo eo. Le nihina ty notsinao voro rey. ²⁰Sady tamy ty andro fahatelo ty fankalaza ty andro niteraha i Farao. Namboatsy fanasa ho aty mpiasany iaby ie. "Nasondrony" ty loha azy bevata ty mpanday kapoaky noho ty loha azy bevata ty mpanao mofo, tamy mpiasany iny rey. ²¹Nampoliny tamy ty asany ty bevata ty mpanday kapoaky, sady nampipetsaky azy kapoaky tan-tana I Farao eo ndraiky ie. ²²Le nahantony koa ty bevata ty mpanao mofo, manahaky ze nivolany I Josefa tamin-drozy. ²³Hondy tsy mbo nahatiaro an'i Josefa azy bevata ty mpanday kapoaky, le halinony aza ty mikasiky azy.

Chapter 41

¹Sady lafa afaky tao roe nanenja ty tanany nofy raiky Farao. Lafa nitsanga tamy Neily teo ie. ²Le ingo, nisy aomby vavy fito niboaky baka ta Neily, mampiriritsy noho vondraky, sady nihina akata tamy ty sisiny rey. ³Ingo, aomby vavy fito hafa niboaky baka ta Neily tafara rey, tsy soa noho mahia. nagnato tanila ty aomby vavy hafa tanila ty renirano rey. ⁴Bakeo aomby vavy marary noho mahia rey nihina ty aomby vavy soa noho mampitsiriritsy noho vondraky fito. Bakeo nifoha Farao. ⁵Niroro ndraiky ie le nanonofy fanindroa. Ingo, nisy salohim-bary fito nitiry baka amy ty tahony raiky, vokatsy mare noho soa. ⁶Ingo, nisy salohim-bary fito hafa, matify sady maiky ty tsioky antinana, nitiry tafaran'rey. ⁷Nitely salohy fito hafa vokatsy be rey noho soa salohy matify rey. Taitsy Farao, sady, ingo, nofy zay. ⁸Le avy ty maray le natahotsy ty sainy. Naniraky le nampikaiky mpahay aoly rey noho ty olon-kendry Egypta iaby ie. Nivolan'i Farao tamin-drozy ty nofiny, fe tsy nisy raiky tamin-drozy afaky nanazava zay tamy Farao. ⁹Sady ty be ty mpanday kapoaky nivola tamy Farao hoe: "Zao zaho vo Mieritseritsy ty fahotako rey." ¹⁰Nimeloky tamy ty mpiasany rey Farao, le nandefa ahy tam-pigadra tan-trano tyt kapiteny ty mpiamby, zaho noho ty be ty mpanao mofo. ¹¹Niaraky nanonofy zahay tamy ty halinio, zaho noho ie. Samby mana ty nofiny araky ty dikany iaby zahay. ¹²Nisy pamaraky Hebreo niaraky taminay tao, mpiasa azy kapiteny ty mpiamby. Novolaninay azy sady nandiniky ty hevitsy ty nofinay rey taminay ie. Nadikany kiraikiraiky taminay araky ty nofiny iabbbby ie. ¹³Sady lafa nandika ty hevitsy ty nofiny rey taminay ie, le niboaky zay. Nampoly Farao tamy ty toera nisy ahy zaho, fa azy raiky hafa iny nahantony. ¹⁴Bakeo Farao naniraky le nampikaiky an'i Josefa. Naboakin-drozy malaky tam-pigadra ie. Niharatsy ie, nisolo siky, sady nandeha amy Farao. ¹⁵Hozao tiasa i Farao tamy Josefa: "Nanonofy zaho, fe tsy misy afaky manazava zay. Fa nahare ty mahakasiky anao zaho, ka lafa mahare nofy iha le afaky manazava zay. ¹⁶Namaly an' i Farao Josefa, nanao hozao: "Tsy amiko ato zay. Njanahary ro hamaly an'i Farao araky ty sitrakiny. ¹⁷Hoasa i Farao tamy Josefa hoe: "Tamy ty nofiko tao, le ingo, nitsaka tamy sisiny ty Neily zaho. ¹⁸Ingo, nisy aomby vavy fito niboaky baka ao Neily, vondraky noho mampiriritsy, sady nandromotsy akata tamy sisiny teo rey. ¹⁹Ingo, nisy aomby vavy fito hafa niboaky tafarandrozy, tsy soa, sady mahia. Tsy nahita faharatia manahaky zay mihintsy zaho heniky ty tany Egypta iaby. ²⁰Azy mahia noho aomby vavy raty ro nihina aomby vavy vondraky velohany rey. ²¹Lafa lanin-drozy zay, le tsy nisy nahay mihintsy ho nihanin-drozy zay, safe mbo raty manahaky ty taloha avao ndrozy. Bakeo le nifoha zaho. ²²Nimpoly nanonofy ndraiky zaho, le, ingo, nisy salohim-bary fito nitiry tamy ty tahony raiky, vokatsy mare sady soa. ²³Ingo nisy salohim-bary fito hafa, malazo, matify noho maiky ty tsioky antinana, nitiry tafan-drozy. ²⁴Nitely salohim-bary fito soa rey azy salohim-bary matify. Nivolaniko tamy azy mpahay aoly rey zay, fe tsy nisy tamin-drozy afaky nanazava zay tamiko. ²⁵Hozao tiasa i Josefa tamy Farao: "Mifanahaky nofy Farao reo. Ze hanovin-Janahary, le nambarany tamy Farao. ²⁶Azy aomby vavy fito soa rey le fito tao, sady ty salohim-bary fito le fito tao. Mifanahaky nofy reo. ²⁷Azy aomby vavy fito mahia noho tsy soa ze niavy tafaran-drozy le fito tao, sady azy salohim-bary matify fito maiky ty rivotsy antinana avao koa le tao fito ty mosary. ²⁸Zay ty raha ze nivolaniko tamy Farao. Ze nanovin-Janahary le nambarany tamy Farao. ²⁹Ingo fito tao ty halakoa ty vokatsy ro ho avy heniky ty tany Egypta iaby. ³⁰Fito tao ty mosary ro ho avy manoriky zay, sady ty fahavokara iaby le ho halino amy ty tanany Egypta ao, sady handrava ty tany Egypta, sady handrava ty tany ty mosary. ³¹Ho halino amy azy faritsy ty fahavokara ho ahy ty kere ze manorikizay ao, le ho meloky vatany. ³²Nampolipoly tamy Farao zay nofy zay safe ze raha hiseho zay le fa namboarin-Janahary. ³³Sady engaho Farao hila olo mana-tsay noho hendry, le hametraky azy amy tany Egypta. Engaho Farao hanao zay. ³⁴Engaho ie hifingy mpiandrikitsy ty tany. Engahon-drozy hangalaky ty ampaha-limy ty vokatsy Egypta amy ty fito tao ty fahavokara. ³⁵Engaho ndrozy hamory ty hany iaby amy ty tao soa ze ho avy io le hanajary ty vokatsy ambany fahefa i Farao eo, mba ho ty hany hoahy nipetsaky rey. Tokony arovan-drozy zay. ³⁶Ty hany le ho hanomeza hoahy ty tany amy ty fito tao ty mosary ze ho ao amy ty tany Egypta. Amy fomba zay ty tany ro tsy ho rava ty mosary. ³⁷Soa tamaso i Farao noho tamaso piasany iaby rey teo diniky zay. ³⁸Hoasa i Farao tamy piasany iaby rey hozao: "Afaky mahita olo manahaky zay va tsika, ze aminy ao ty Fanahin'Janahary?" ³⁹Le hoasa i Farao tamy i Josefa hozao: "Safe Janahary nampitoro anao iaby zay, le tsy misy hafa mandiniky lavitsy noho hendry manahaky iha. ⁴⁰Hitanjaky ty tsanoko iha, sady manahaky ty safanao to hanapaky ty olo lako iaby. Amy ty seza fiandriana eo avao zaho le ho anabo noho iha. ⁴¹Hoasa i Farao tamy i Josefa hozao: "Ingo, engako amina ty tany I Egypta iaby. ⁴²Nala i Farao tamy ty taniny ty peratsy misy ty tampôny sady natsofokiny tamy ty tana i Josefa. Nampisikininy siky longony matify ie, sady nasiany ravaky volamena ty vozony. ⁴³Nampionjany tamy ty kalesa faharoe eo ze anazy ie. Nikorakoraky talohany ty olo hoe: "Mandohaliha." Nanovy i Farao nanapaky tamy ty tany eo i Egypta iaby ie. ⁴⁴Hoasa i Farao tamy i Josefa hozao: "zahi to Farao, sady hafa tsy iha, le tsy misy olo hanondrotsy ty tanany na ty tombony amy ty tany i Egypta iaby. ⁴⁵Nikaiky ty anarany i Josefa hozao: "zafenata Panea" i Farao. Nameany ho valiny i Asenata, azy anak'ampela i Potifera mpisoro i Ona iny. Nanapatapaky ty tany

i Egipta iaby i Josefa.⁴⁶ Telopolo tao i Josefa lafa tsy nitsanga taloha i Farao eo ie, azy mpanjaka i Egipta iny. Niala tanilay i Farao eo ie, sady nanapatapaky ty tany i Egipta iaby.⁴⁷ tanay ty fito tao afaky ro namokatsy bevata ty tany.⁴⁸ Navoriny iaby ty hany iaby tanay ty fito tao ze tany ty tany Egipta ao sady nengany tany ty tanà bevata. Nengany siaky ty tanà ty hany ze baka amy ty baiho miodidy zay.⁴⁹ Navory i Josefa manahaky ty riaky ty voany, lako tsy hita zay.⁵⁰ Taloha ty niavia ty tao ty mosary tao, le nana anakilahy roe, tany i Asenata, anak'ampela i Potifera mpisoro ta Ora tao, i Josefa.⁵¹ Nikaihy i Josefa hozao i Manase ty anakilahiny velohany, safe hoasany hoe: "Njanahary nampanalino ahy ty olo iaby noho ty longo ty babako iaby."⁵² Nikaihiny hoe Efraïma ty anakilahiny faharoe, safe hozao ty asany: " Njanahary nahalako ahy tany ty tany ty alaheloko."⁵³ Anay ty farany fito tao ty halakoa ty tany ty tany Egipta ao.⁵⁴ Nanomboky ty fito tao ty mosary, manahaky ty nivolany i Josefa. Nisy mosary tany ty tany iaby teo, fe nisy hany koa tany ty tany i Egipta iaby teo.⁵⁵ Lafa tanay ty mosary tao ty tany iaby ta Egipta ao, le nikaikaiky hany tany i Farao ty ololako. Hoasa i Farao tany Egiptiana iaby rey hoe: "Mandehana amy i Josefa any sady anovo ze volaniny anareo."⁵⁶ nameno ty faritsy ty tany raiky iaby ty mosary. Namoha ty tsano fanajaria iaby i Josefa sady namarotsy tany i Egiptiana rey. Mahery vatany ty mosary tany ty tany i Egipta tao.⁵⁷ Niavy ta Egipta ao iaby ty firenena iaby mba hivily vary amy i Josefa, safe fa mahery ty mosary tany ty tany iaby ao.

Chapter 42

¹Sady hay i Jakoba fa nisy vary ta Egipta any. Nivola tamy anakilahiny ie hozao: "Nanino ro mifanenty nareo?"
²Le ho ty asany hoe: "Ingo, reko le misy vary Egipta any. Mijotso any sady mivilia any ho ty ahintsika mba vahavalo antsika le tsy ho maty. ³Nandeha nijotso rahalahy i Josefa folo mba hivily vary Egipta any. ⁴Le Benjamina, rahalahin'i Josefa, tsy nalefa i Jakoba niaraky tamy ty rahalahiny rey, safe natahotsy ie tsy noho hisy loza mety nahazo azy. ⁵Niavy anakilahy i Israely mba hivily niaraky tamy ze avy rey, le nisy mosary tamy ty tany Kanàna any. Sady Josefa ro mpanapaky amy ty tany. ⁶Ie avao ro namarotsy ho ahy ty olo lako ty tany iaby rey. Niavy sady nampandohaliky ty tarehin-drozy tamy ty tany taminy rahalahy I Josefa teo. ⁷Nahita rahalahiny rey i Josefa sady nahay androzy, fe nanovy ty manahaky androzy ie sady nivola mare hozao: "Baka aia nareo?" Hozao tiasan-drozy: "Baka amy ty tany Kanàna any mba hivily hany." ⁸Hay i Josefa rahalahiny rey, le ndrozy to tsy nahay azy. ⁹Le tiaro i Josefa ty nofy azony nikasiky androzy, le hoy ie tamin-drozy: "Mpitsikilo nareo! Avy mba hanenty ty faritsy tsy mbo volafo amy ty tany eto nareo." ¹⁰Hoasan-drozy taminy hoe: "Aha, tompoko. Avy mba hivily hany mpiasanao ndretoa. ¹¹Anaky ty lahilahy raiky iaby zahay. Lahilahy marina zahay. Tsy mpitsikilo mpiasanao Ndretoa. ¹²Hoy ie tamin-drozy hozao: "Aha, avy mba nizara faritsy rey mbo tsy voaaro amy ty tany eto nareo." ¹³hoy ndrozy hozao: "Folo roa amby mirahalalahy zahay mpiasanao, anaky ty lahilahy raiky amy ty tany Kanàna any. Ingo, ty faralahy ro amy ty babanay any amizao, sady ty rahalahy raiky ro fa maty. ¹⁴asa i Josefa tamin-drozy hozao: "Zao ro volaniko anareo; mpitsiko nareo. ¹⁵Amy zao to nitsapa anareo. Laha velo koa i Farao, le tsy hiala eto nareo, laha tsy avy eto ty faralahy aminareo. ¹⁶Hiraho ty raiky aminareo sady engaho ie hangalakany ty rahalahinareo. Sady nareo niharo an-gadra ao, mba hahafaha mitsapa ty safanareo, lafa misy fahamarina aminareo ao. ¹⁷Nalefany tan-gadra any ndrozy iaby zisiky ty telo andro. ¹⁸Ty andro fahatelo le hoasa i Josefa tamin-drozy hozao: "Zao ro anovo mba hovelao, fa matahotsy Njanahary zaho. ¹⁹Laha ndaty marina nareo, engaho ty raiky Amy rahalahinareo tsy hiala amy ty gadra so, le mandeha nareo, memorial vary ho amy ty mosary amy ty tsano nareo. ²⁰Andeso amiko atoy ty faralahy aminareo hanamarina ty safa nareo noho tsy hahafaty anareo." Sady nanovin-drozy zay. ²¹Nifampiresaky ndrozy hoe: "Vatany ty meloky marina tsika noho ty amy ty rahalahintsika ze hitatsika ty halahelo ty fanahiny laha nangataky antsika ie sady tsika tsy nijanjy azy. ka noho zay ro niavia ty fahoria tamintsika zao." ²²Hozao ty namalia i Robena androzy hoe: "Tsy fa nivola taminareo va zaho hoe: 'mbaka manonta amy azy aja lahilahy iny,' fe tsy nijanjy ahy nareo? Ingo, zao take amintsika ty liony." ²³Tsy hain-drozy fa nahay ty safan-drozy i Josefa, safe nisy mpandika safa tanilan-drozy teo. ²⁴Nididiky niala tamin-drozy ie le nitany. Nandeha nimpoly tamin-drozy eo ndraiky ie sady nivola tamin-drozy. Lalany tamin-drozy eo i Simeona sady nafehiny tamason-drozy teo. ²⁵Bakeo nandidy ty mpiasany i Josefa mba hanatsiky vary ty mitao rahalahiny rey, sady mba hampipoly ty jala ty lahilahy kirai-jaiky tamy ty saseny, sady hanome androzy vatia ho amy ty lia. Nanovy hoan-drozy say. ²⁶Nanatsiky very ty namany ty mpirahalalahy rey sady le niala tamy. ²⁷Lafa namoha ty saseny ty raiky tamin-drozy mba hamaha ty namany to Y ty toera niforoany teo, le nahita ty lalany ie. Ingo, tambany ty saseny tao zay. ²⁸Hoy ie tamy ty rahalahiny hozao: "Nampoly ty jalako. Hentao; anay saseko ao zay." Nanontany ty tahotsy ty fon-drozy nifampitoliky am-pangitikitiha, nanao hozao: "Ino lahy ty raha nanovin-janahary tamintsika toy?" ²⁹Nandeha tamy i Jakoba any ndrozy, ty baban-drozy tamy ty tany kanàna any sady nivola taminy ze iaby niseho tamin-drozy any. Hoy ndrozy hoe: ³⁰"Azy lahilahy iny, tompo ty tany, le nasiaky anay sady mandiniky fa mpitsikilo tamy azy tany iny any zahay. ³¹Hoasanay taminy hozao: 'Ndaty marina zahay. Sady tsy mpitsikilo aza. ³²Folo roa amby mirahalalahy zahay, anaky ty babanay. Fa maty ty raiky, sady ty faralahy to miaraky amy babanay amy ty tany Kanàna any amizao. ³³Azy lahilahy, tompo ty tany iny, ro nivola taminay hozao: 'Zao ro hahazako le ndaty marina nareo. Ajanono amiko eto ty raiky amy rahalahinareo rey, mandaisa vary ho amy ty mosary amy ty tsanonareo any, sady tohizo ty lianareo. ³⁴Andeso amiko eto ty faralahy aminareo. Le ho haiko fa tsy mpitsikilo nareo, le lahilahy marina. Le habototsiko ho ahinareo ty rahalahinareo. le hivily amy ty tany eto nareo.'" ³⁵Sady lafa tsy mampisy ty an-tsaseny tao ndrozy, le io, ty sarom-bolafoty ty lahilahy kiraidraiky iaby le tanay ty saseny tao. Lafa hitan-drozy noho ty baban-drozy ty sarom-bolafotiny, le natahotsy ndrozy. ³⁶Hoasa i Jakoba tamin-drozy rey hoe: "Fa nangalakany ty anako tamiko nareo. Josefa ro fa maty, i Simeona ro nandeha, sady le handesinareo lavitsy koa i Benjamina. Manohitsy ahy iaby raha iaby rey." ³⁷Nivola tamy babany i Robena, nanao hozao: "Azona vonona anako roe reo laha vatany ty tsy manday an'i Benjamina mimpoly aminao zaho. Engaho an-tanako eo ie, le handay azy aminao ndraiky zaho." ³⁸Hoasa i Jakoba hozao: "Tsy handeha hijotso hiaraky aminareo ty anakilahiko zay. Fa nimaty ty rahalahiny sady ie raiky avao ro sisa. Lafa misy lozaavy Aminy amy ty lala ze andehananareo eny, le handay amy ty alahelo ty volo foko mijotso amy ty Fiay-tsy hita any nareo."

Chapter 43

¹Nisy mosary tsy nizaka tamy ty tany teo.² Sady zao ro niseho lafa lanin-drozy ty vary nandesin-drozy baka Egipta any, hoasa babany tamin-drozy hoe: "Mandehana ndraiky; le mivilia hany ho antsika."³Nivola azy I Joda hozao: "Nampitandrina mare anay ty lahilahy hoe: 'Tsy hahita ty tarehiko nareo laha tsy miarakany amy ty lahilahinareo.'"⁴Lafa alefanao manoriky anay ty lahilahinay, le andao hijotso noho hivily hany ho anao zahay.⁵Fe lafa tsy alefanao manoriky anay ie, le tsy handeha hijotso zahay. Safe ty lahilahy nivola taminay hozao: "Tsy hahita ty tarehiko lafa tsy miarakany amy ty rahalahinareo."⁶Hoy ty Israely Hozao: "Nwnino nareo ro nampilitsu Liza aby tamy ty fanambrà azy lahilahy iny le mana rahalahy hafa nareo?" Hoasan-drozy hod: "Nanontany iaby ty mikasiky anay noho ty longonay lahila Y iny.⁷Hoy ie hozao: "Mbo velo va babanareo? Mbo mana rahalahy hafa va nareo?" Le nivaliky nanahaky ty fanontaneany rey ie. Nani o ro hahazanay le hivola ie hozao: "Andeso mijotso ty rahalahinareo."⁸Hoasa i Joda tamy i Israely babany hozao: "Alefaso miarakany amiko ty aja lahilahy. Hiala le handeha zahay mba ho velo fa tsy ho maty tsika, le zahay noho Iha noho ananay rey avao koa.⁹Le hoantoky ho anazy zaho. Hotandrahinao ho mpiantoky zaho. Lafa tsy andesiko mimpoly alohanareo eo ie, le engaho ho tantaziko zisy farany ty tsiny.¹⁰Fe lafa tsy tara zahay, le tena fa nimpoly teto fanindroeny zahay."¹¹Hoasa i Israely tamin-drozy hozao: "Lafa zay, le anovo zao. Anovo amy ty saky ty ilany ao amy vokatsy ty tany soa bibiky. Mijotso a sady mandaisa fanomezà ho ty ahy lahilahy: balsama noho tantely, raha manintsy noho miora, kapiky noho amady.¹²Anovo mandilatsy ty roe ty jala an-taminareo eo. Ty jala ze Nampoly tamy ty vava ty goninareo, le andeso mimpoly an-tananareo eny ndraiky. Tsy noho mba hadisoa avao zay."¹³Andeso avao koa ty rahalahinareo. Mitsangana sady mandenà ndraiky amy ty lahilahy any.¹⁴Njanahary Tsitiha lahy hanome famalozam-po anareo anila ty rahalahy eo, mba hafahaby azy rahalahinareo hafa noho Benjamina iny ho aminao. Lafa nisaona anako rey zaho."¹⁵Nalan-drozy lahilahy rey niarakany tany Benjamina ty fanomezà, sady nanday jala mandilatsy ty roe tan-tanan-drozy teny. Lasan-drozy sady nimpoly nijotso ta Egipta sady niseho taloha i Josefa teo.¹⁶Lafa nahita an'i Benjamina niarakany tamin-drozy i Josefa, le hoy ie tany azy mpiantoky mpampandroso iny tan-tsanony tao hoe: "Hampandrosò an-tsano ao lahilahy rey, mamonoa biby raiky sady ilao zay, le hiaraky hoasako amiko ndrozy lafa mitatao vovona."¹⁷Nanovy mpiasa ze nivolany i Josefa rey. Nandesiny tan-tsano so i Josefa lahilahy rey.¹⁸Natahotsy lahilahy rey safe nandesy tan-tsano i Josefa ndrozy. Hoasa ndrozy hozao: "Noho azy hala nampoly iny tanay goni-ntsika aotamy ty velohany nampilira antsika tato, mba hafahany manararaotsy antsika. Mety hanambotsy antsika noho hanandevo antsika ie sady hangalaky ampondrtsika rey."¹⁹Namonjy an'i azy mpiasa i Josefa ndrozy, sady niresaky taminy tam-baravara teo, nanao hozao:²⁰"Tompoko, avy nijotso tatoy zahay tany ty velohany mba hivily hany."²¹Sady lafa niavy tany ty toeram-pijanona zahay, le namoha goninay rey, le ingo, samby tambaraty gony ty lahilahy rey ao ty jalany, ray misy nangala ty jalany. Nampolinao sady am-pelatan-tananay eto zay.²²Nanday jala nijotso hafa avao koa zahay mivilia hany. tsy hainay ze nampimpoly ty jalany tanay ty goninay."²³Hoasa azy mpiasa iny hozao: "Fiadana lahy ho ty ahy nareo, mba ka matahotsy. Ty Njanaharinareo noho ty Njanahary ty babanareo to nampipetsaky ty jalanareo tanay ty goninareo. Fa nirambesiko ty jalanareo."Le nandesy azy mpiasa iny tany i Simeona teo ndrozy.²⁴Nampandroso azy mpiasa tan-tsano i Josefa lahilahy rey. Nameany rano ndrozy, le nanasa ty tombony ndrozy. Sady nameany hany ty ampondran-drozy.²⁵Le nanomana fanomezà amy ty niavia i Josefa rey amy ty mitao vovona ndrozy, safe fon-drozy fa nihina ao ie.²⁶Lafa niavy tantarno i Josefa, le nandesin-drozy tan-tarano ty fanomezà tan-tan-drozy, le nandohaliky tany ty tany talohany teo ndrozy.²⁷Nanontany androzy mikasiky ty fahasalany ndrozy, le nanao hozao: "Salama va babanareo, azy lahilahy antitsy nivoaninareo iny? Mbo velo va ie?"²⁸Hozao tian-drozy: "Salama ty mpanomponao ze babanay. Mbo velo ie. Niodriky noho nandohaliky ndrozy.²⁹Lafa nampitoliky ty masony ie le nahita an'i Benjamina rahalahany, le hozao tiasany: "Toy va ty faralahinareo ze nivolaninareo tamiko?" Le hozao tiasany: "Njanahary lahy hitahy anao, anako."³⁰Niboaky malaky tanefitsy tao Josafa, safe falifaly mare amy ty rahalahiny rey ie. Nila toera hitaniany ie. Nilitsy tanefitsiny tao ie le nitany tao.³¹Nosasany ty tarehiny le niboaky ie. Notindriany ty fony,nivola hozao: "Aroso ty hisakafo."³²Namea ty mpiasa an' i Josefa rey ty anajany noho anajary ty rahalahiny rey. Niarakany nihina taminy Egyptiana reo tao safe ty Egyptiana tsy mahazo homa mofa miharo amy ty Hebreo, safe raha mampangaroharo amy ty Egyptiana reo zay.³³Nipetraky taloha teo ty rahalahiny rey, ty talan'olo araky ty fizokiany, sady ty zainy mare araky ty hatanorany. Hatsereha ndrozy.³⁴Namea i Josefa anjara tany ty haniny talohany teo ndrozy. Fe ty anja i Benjamina le in-dimy mandilatsy noho ty rahalahiny rey. Nino ndrozy sady le nifaly niarakany taminy.

Chapter 44

¹Nandidy ty mpikarakara ty tranony Josefa, nanao hozao: "Atseho hany ty saky ty lahilahy retia, araky ze onjondrozy, sady engaho anay ty sakiny ao ty dralan-drozy iaby. ²Engaho amy ty vava saky ty zainy mare, ty kapoakako, azy kapoaky volafoty, noho ty dralany tamy ty vary." Le nanovy azy mpikarakara iny ze novolan'i Josefa. ³Niposaky ty maray, le nampandina lahilahy rey, ndrozy noho ty borikiny. ⁴Lafa niboaky ty tana ndrozy fe mbo tsy niavy lavitsy mare, le nivola tamy ty mpikarakany hozao i Josefa: "Fohaza, oriho lahilahy rey, lefa tratsinao ndrozy, le volano hozao ndrozy: "Nanino nareo ro namaly raty ty soa? ⁵Tsy toy va azy kapoaky finoma ty tompoko, noho azy kapoaky ze ampiasany amy ty faminania? Nanao raty nareo, zay ty raha nanovinareo zay." ⁶Nahatratsy androzy azy mpitanjaky ty fampandrosoa sady nivola safa rey. ⁷Ndrozy nivola hozao taminy: "Nanino ro mivola manahaky zay ty tompoko? Sanatria amy ty mapanomponao rey ro hanaovan-drozy rey raha manahaky zay. ⁸Ingo, azy drala ze nihitanay tamy ty vava ty lasakinay, nandesinay nimpoly aminao atoy ndraiky baka amy ty tany Kanana. Amy ty fomba manao akory ro hangalaranay volafoty ndra volamena amy ty trano ty mpanomponao? ⁹Ze ahita zay amy ty mpanomponao, engaho i ho maty, sady zahay avao koa le ho andevo ty tompoko." ¹⁰Azy mpikarakara iny nivola hozao: " Engaho moa ho araha ty safanareo zay. Azy raiky ze ahita ty kopy le ho andevoko, sady nareo hafa koa le ho afaky." ¹¹Bakeo le nandeha malaky ty lahilahy kirakiraiky le nanenga ty sakiny tamy ty tany, sady samby namoha ty sakiny iaby. ¹²Nila azy tompo ty andraikitsy amy ty fampandrosoa. Natombokiny tamy ty bevata mare sady farany ty tanora mare, le nihita tamy ty saky Benjamina azy kapoaky iny. ¹³Le nanataky ty sikiny ndrozy. Samby nitikitsy ampondrany kirakiraiky ty lahilahy sady nimpoly tany amy azy tana iny. ¹⁴Nandeha tan-trano i Josefa tany i Joda noho rahlahiny rey. Mbo tao ie, le nandohaliky talohany teo tamy ty tany ndrozy. ¹⁵Hozao tiasa i Josefa tamin-drozy: "Ino va ty nanovinareo zao? Vasa tsy hainareo fa ty lahilahy manahaky ahy le manao faminania?" ¹⁶Nivola hozao Joda: "Ino va ro afaky ho volaninay amy ty tompoko? Ino ro azonay hovolany? Manao akory ro ahaizanay manary ty vatanay? Hitan-Janahary ty hadisoa ty mpanomponao rey. Ingo, andevo ty tompoko zahay, zahay noho ie le nahita ty kapoaky tan-tanany teny." ¹⁷Hozao tiasa i Josefa: "Sanatria amoko ro tsy maintsy hanao zay. Azy lahilahy ze nahita ty kapoaky tan-tanany teny, le ho andevoko, fa nareo hfa kosa, hiakatsy am-piadana ho amy ty babanareo." ¹⁸Bakeo le nagnato azy marikitsy i Joda le nivola hozao: " Ry tompoko, engaho lahy hiresaky safa raiky an-tsofy ty tompoko ty mpiasanao, sady enganie ty hellokinao hirehitsy amy ty mpiasanao, fe iha le manahaky Farao. ¹⁹Nanontany mpiasa rey ty tompoko, nivola hozao: 'Mana baba na rahalahy raiky va iha?' ²⁰Hozao tiasanay tamy ty tompoay: 'Mana baba zahay, lahilahy antitsy, sady anaky raiky tamy ty faha antitsiny. Fa ty rahalahiny fa nimaty, fa ie raiky avao ro sisa tamy ty reniny, sady ty babany le tea azy.' ²¹Bakeo nivola tamy ty mpanomponao iha nanao hozao: 'Andeso mijotso amiko atoy ie mba ahaizako mahita azy.' ²²Tafara zay, la nivola tamy tompoko zahay hoe: " tsy afaky hanenga ty babany azy aja lahilahy iny. Fa laha engany ty babany le ho maty ty babany." ²³Le iha nivola tamy ty mpiasanao manao hozao: 'Lafa tsy mijotso miarakany aminao ty ty rahalahinao zainy mare, le tsy hahita ty vatako sasy iha.' ²⁴Le ingo fa niavy zay lafa niakatsy nadeha tamy ty babako ty mpiasanao zahay, novolaninay taminy ty safa ty tompoko rey. Hozao ²⁵ty asa i babanay: "Mandinà ndraiky, mivilia hany hoan-tsika." ²⁶Bakeo le nivola hozao zahay: "Tsy afaky mijotso zahay. Laha miarakany aminay ty rahalahinay zainy mare, le hijotso zahay, safe tsy afaky hahita ty vata azy lahilahy iny zahay laha tsy miarakany amy ty rahalahinay zainy mare." ²⁷Ty mpanomponao lahy tompoko ro nivola taminay hoe: 'Hainareo fa niteraky roe lahy tamiko ty valiko. ²⁸Ty raiky tamin-drozy le nniala tamiko le hozao tiasako: " Azo antoky fa rotidrotiky ie, sady tsy nahita azy zaho zisiky henanizao." ²⁹Zao laha mangalaky azy raiky amiko atoy koa nareo, le loza ro ho avy aminy eo, le hampihintsy ty volon-dohako amy ty alahelo mbao amy ty fiaina tsy hita any nareo." ³⁰Sady, lafa zay, lafa avy amy mpanomponao any zaho, sady tsy miarakany aminay ty aja lahilahy, safe mifamehy amy ty ay azy aja lahilahy ty ainy, ³¹fa ho avy zay, lafa hitany fa tsy miarakany aminay azy aja lahilahy, le ho maty ie. Mpiasanao rey le hampihintsy ty volo foty ty babako manomponao miarakany amy ty alahelo mbao amy fiaina tsy hita. ³²Safe ty mpanomponao le fa nanjary antoky ho azy aja lahilahy amy ty babako sady hivola hozao: " Laha tsy manday azy matriky anao zaho, le handay heloky amy ty babako mandrakizay zaho." ³³Sady lafa zay, Engaho lahy ty manomponao hieny ho solo ty azy aja lahilahy manahaky ty andevo ty tompoko, sady engaho azy aja lahilahy hiakatsy hiaraky amy ty rahalahiny rey. ³⁴Fa amy ty fomba manao akory ro hiakarako amy ty babako any laha tsy miarakany amiko azy aja lahilahy? Matahotsy ty hahita azy raty zay ho avy amy ty babako eo zaho."

Chapter 45

¹Le tsy nitanjaky Josefa ty fihetseham-pony taloha ty mpanompony teo ze nitsanga nanilany teo. Nivola mare hozao ie: "Tsy maintsy manenga ahy nareo iaby." Le tsy nisy mpanompo nitsanga taminy teo lafa namahafantatsy ty vatany tany ty rahalahiny Josefa. ²Nitany mare ie, le re ty Egyptiana rey zay, sady ren-drozy tan-trano i Farao. ³Hozao tisa i Josefa tany ty rahalahiny reo: "Zaho ro Josefa. Mbo velo va ty babako?" Tsy nahavaly azy rahalahiny rey, safe nalahelo talohany teo ndrozy. ⁴Bakeo Josefa nivola tany ty rahalahiny rey hozao: "Mandina marikitsy ahy, azafady." Le nagnato marikitsy ndrozy. Hozao tiasan-drozy: "Zaho ro Josefa rahalahinareo, ze navaotsinareo ta Egypta. ⁵Ka malahelo ndra meloky amy ty vatanareo amy ty namilianareo ahy tatoy, safe Njanahary ro nadeha ahy alohanareo mba hiarova ty ainareo. ⁶Safe tany ty tany toy eto ty mosary hatramizay roe tao zay, sady mbo hisy limy tao ze tsy hisy fiasa tany ndra fanapaha. ⁷Njanahary ro naniraky ahy ho alohanareo mba hitahirany anareo ho sisa an-tany eto sady hitanjaky anareo ho velo amy ty fanafaha bevata. ⁸Sady lafa zay tsy nareo ro nandefa ahy tatoy fa Njanahary, sady ie ro nanao ahy ho baba i Farao, tompo ty tranony iaby, noho mpanampaky ty tany iaby heniky ty Egypta. ⁹Malaky sady miakara amy ty babako any le volano hozao: 'zao ty nambara i Josefa anakinao: " Nanovin-Janahary mpanampaky an'i Egypta iaby iaby zaho. Mijotsoa amiko atoy, le mangataky andro. ¹⁰Hipetraky amy ty tana i gosena iha sady ho anilako iha noho anakinao rey, noho aondry noho ty aosy sady aomby rey, noho ty hananao iaby. ¹¹Hanome anareo zaho, safe mbo haharitsy limy tao ty kere, le mba tsy ho avy aminareo ty fijalia, aminao, noho ty tokatranonao, sady zay ananao iaby." ¹²Ingo, hita ty masonareo, noho ty maso i Benjamina rahalahiko, fa ty vavako ro mivola aminareo. ¹³Ho volaninareo amy ty babako ty mikasiky ty voninahitsiko a Egypta atoy noho ty raha iaby ze hita ty masonareo. Mandina malaky nareo sady andeso mijotso amiko atoy ty babako. ¹⁴Nandrakotsy ty vozo i Benjamina rahalahiny ie le nitany, le i Benjamina niany tany vozony teo. ¹⁵Nanoroky ty rahalahiny iaby ie sady nitany tamin-drozy. Tafara zay le niresaky taminy teo rahalahiny rey. ¹⁶Le nivolaniny tan-trano i Farao ty vaovao hoe: "Niahy rahalahy i Josefa rey." Le vatany nahafaly an'i Farao noho ty mpanompony zay. ¹⁷Hozao tiasa i Farao tany Josefa: " Volano amy ty rahalahinao rey hoe: 'Anovo hozao: Atikiro ty entanao handesy ty bibinareo sady mandina any amy tany Kanana any. ¹⁸Andeso ty babanareo noho ty tokatranonareo sady mandina amiko atoy. Hameako anareo ty soa amy ty tany Egypta eto, sady hihina ty vondraky ty tany nareo. ¹⁹Sady amea Didy nareo hoe: 'Anovo zao, mangala kalesy amy ty tany Egypta ho ahy ty anakinareo noho ty valinareo. Andeso ty babanareo le mandina atoy. ²⁰Ka misalasala ty amy hanananareo rey, fa ahinareo ze soa amy ty tany iaby heniky an' Egypta." ²¹Le nanovy ty anaky'Isaraely rey zay. Namea i Josefa kalesy ndrozy araky ty nandidia i Farao, sady nanome androzy vatia handesy an-dala. ²²Nameany siky ho soloa ndrozy iaby, fe Benjamina avao ro nameany sekely volafoty telon-jato noho siky hosoloa limy. ²³Zao ro nalefany ho amy ty babany: boriky lahy folo nanday ty raha soa ahy Egypta; sady boriky vavy folo nanday vary noho mofo, sady vaty hafa ho ahy babany handesy an-dala eny. ²⁴Le nampandinany rahalahiny rey le nandeha ndrozy. Hozao tiasany tamin-drozy: "Ka mifamaly an-dala eny nareo." ²⁵Le niakatsy baka Egypta ndrozy le niahy tany ty tany Kanana, ho amy Jakoba babany. ²⁶Nivola taminy ndrozy hoe: "Mbo velo Josefa, sady mpanampaky ty tany Egypta iaby iaby ie." Nisento ty fony safe tsy nino ze novolani-drozy azy. ²⁷Novolanin-drozy taminy ty safa iaby nivolan'i Josefa androzy. Lafa nihita i Jakoba ty sarety ze nalefa i Josefa mba handay azy, le velo ndraiky ty fanahy Jakoba baban-drozy. ²⁸Hozao tiasa Israely: "Soa zay. Mbo velo Josefa anako. Handeha zaho sady hanenty azy alohy ty hahafaty ahy."

Chapter 46

¹Niala niaraky tamy ze iaby nananay i Israely sady nandeha ta Beri-sheba. Tao to nanomezany ty fanday ho ahy i Njanahary ty i Israely babany.² Nivola tamy i Israely tanay ty fahita Njanahary ty haly, manao hozao: "Jakoba, Jakoba." Hoasany hoe: "Toy zaho." ³Hoy ie hozao: "Zaho ro Njanahary, Njanahary ty babanao. Mba ka matahotsy ty hijotso ho Egypta any, le hanoviko firenea bevata any iha. ⁴Hiaraky aminao hijotso ho Egypta any zaho, sady Zaho handay anao himpoly hiakatsy vatany sady ty tana i Josefa ro hitiry ty masonao amy ty tanany. ⁵Nimpoly ta Beri-sheba ao i Jakoba. Nanday an'i Jakoba babany, anany rey, noho valiny rey, tamy ty kalesa ze nalefa i Farao mba handaisa androzy ty anak'Israely. ⁶Nandesin-drozy ty biby haré noho ty hananan-drozy ze fa azony tamy ty tany Kanana ao. Nilitsy ta Egypta ao ndrozy, niaraky tamy i Jakoba noho tarihany iaby rey. ⁷Nandesiny niaraky taminy ta Egypta any anakilahiny noho zafiny lahilahy rey, anak'ampelany noho zafiny ampela rey, sady tarihany iaby rey. ⁸Ndreto ro anara ty anak'Israely ze baka Egypta any, Jakoba noho anany rey: Robena, anakilahy i Jakoba velohany; ⁹ anakilahy i Robena i Hanoka noho Palo noho Hezrona sady Karmy rey; ¹⁰ty anakilahy i Simeona rey, le i Jemoela, Jamina rey, anakilahy azy ampela Kananita rey iny; ¹¹ anakilahy i Levy ro i Gersona, Kehata, Merary. ¹² Anakilahy i Joda rey: Era, Onana, Sela, Fareza, sady Zera (fa i Era noho Onana maty tamy ty tany Kanana any). Anakilahy i Fareza rey le i Hezrona noho Hamola. ¹³ Anakilahy i Isakara rey le i Tola, Pova, Joba, sady Simrona rey; ¹⁴ Anakilahy i Zebolona rey le i Sereda, Elona, noho Jahalela. ¹⁵ Ty anakilahy i Lea ze naterakiny tamy i Jakoba ta Padana-Arama any, mbamy i Dina anak'ampelany. Telopolo telo amby hisaky ty anakilahiny noho anak'ampelany rey. ¹⁶ Anakilahy i Gada rey le i Zifiona, Hagy, Sony, Ezbona, Ery, Aroda, sady Arely. ¹⁷ Anakilahy i Asera rey le Jimna, Jisvy, sady Beria; sady i Sera ro anabavin-drozy. Anakilahy i Beria rey le i Hebera noho Malkiela. ¹⁸ Ndrozy ro anakilahy i Zilpa, ze namean-janahary an'i Lea anak'ampelany. Rey ro anakilahiny naterakiny tamy i Jakoba---folo enin'amby ro ty fiharoany. ¹⁹ anakilahy i Rahely valy i Jakoba rey le Josefa noho Bejamina. ²⁰ Niteraky an'i Manase noho Efraima tamy i Asenata, anak'ampela i Potifera mpisoro ta Ona ao i Josefa ta Egypta any. ²¹ Anakilahy i Benjamina rey ro i Bela, Bakera, Gera, Asbela, Gera, Namana, Ehy, Rosy, Mopima, Hopima sady Arda. ²² Rey ro anaky i Rahely naterany tamy i Jakoba--- fool efatsy amby ro fiharoany. ²³ Ty anakilahy i Dana le i Hosima. ²⁴ Anakilahy i Naftaly rey le Jaziela rey, Gony, Jezera, sady Silema. ²⁵ Rey ro anakilahy nateraky i Jakoba tamy i Bila, ze namea i Labana an'i Rahely anak'ampelany---fito ty fiharoany. ²⁶ Ze iaby nana Egypta any niaraky tamy i Jakoba, ze tarihany, laha tsy hisahy, valy ty anakilahiny rey, le enimpolo enin'amby ty fiharoany. ²⁷ Fitopolo ty fiharoa ty longony nana Egypta any, niaraky tamy ty anakilahy i Josefa roe ze naterany ta Egypta any. ²⁸ Nalefa i Jakoba hitari-dala azy mana amy i Josefa any i Joda mba hanoro lala azy ho ahy Gosena, sady avy amy ty tany i Gosena ndrozy. ²⁹ Nanoma ty Kalesany Josefa sady nanjary niakatsy nitsena an'Israely babany. Nahita azy ie, nipiritsy ty vozony, sady nitany ela tamy ty vozony eo. ³⁰ Hozao ty asa Israely tamy i Josefa: "Enganie ho maty amy zay zaho, safe fa nahita ty tarehinao, fa mbo velo iha." ³¹ Josefa nivola tamy rahalahiny rey noho longo babany rey hozao: "Hiakatsy zaho sady hivola amy i Farao, la le hivola hozao: 'Fa avy amiko atoy rahalahiko noho longo babako rey ze tamy ty tany Kanana any rey. ³² Mpiemby aondry lahilahy rey, safe pikarakara biby haré rey ndrozy. Nandesin-drozy ty aondry noho aosiny, aombin-drozy rey, sady ze iaby nananany. ³³ dy lafa mikaiky anareo i Farao sady manintany hozao: 'Ino ro babanareo?' ³⁴ le vatany hivola nareo fa: 'Mpiasanao rey le fa mpikarakara ty biby haré zisiky amy ty hakelimelinay la le zisiky amy zao, le zahay noho ty razany.' Anovo zay mba hafahanareo mipetsaky amy ty tany i Gisena, safe fahativativá ho ahy ty Egyptiana ty mpiemby aondry iaby."

Chapter 47

¹Le nilitsy Josefa sady nivola tamy i Farao hozao: "Niavy baka amy ty tany Kanana any ty babako noho rahalahiko rey, aondry lako rey, ty biby haré sady ty raha iaby ze anan-drozy. Ingo, amy ty tany i Gosena ao ndrozy." ²Sady nangalaky limy tamy rahalahiny rey i Josefa ka le nampahaizy an-drozy tamy i Farao. ³Hozao ty asa i Farao tamy rahalahiny rey: "Ino ro asanareo?" Le hozao ty asan-drozy tamy i Farao: "Mpiemby aondry ty mpiasanao, nanahaky ty razambenay rey avao." ⁴Sady hoasan-drozy ndraiky tamy i Farao hozao: "Avy ho vahiny fotoa kelikely an-tany etoy zahay. Tsy misy akata ho ahy ty biby haré ty mpiasanao, safe maré bibiky ty mosary a-Kanana any. Ka amy zao, mba engao lahy ty mpiasanao hipetsaky amy ty tany i Gosena eo." ⁵Sady niresaky tamy i Josefa i Farao, nanak hozao: "Niavy aminao eto ty babanao noho ty rahalahinao." ⁶Alohanao eo ty tany Egypta. Ampipetsaho amy ty faritsy ao soa bibiky ao ty babanao noho rahalahinao rey, le ty tany i Gosena. Laha mahay olo mahay amin-drozy iha, le ampitandrano ty biby haréko rey." ⁷Bakeo le nandesy i Josefa nilitsy i Jakoba sady nampahaiziny tamy i Farao. Nitsipi-rano an'i Farao i Jakoba. ⁸Hoasa i Farao tamy i Jakoba hozao: "Harary ze ro nahavelo anao?" ⁹Jakoba nivola tamy i Farao hozao: "Telopolo amby zato ze ro nanovy ty liako. Tsiampy sady nangirifiry ty andro iainako. Tsy mba lava nanahaky ty ahy ty tanako rey." ¹⁰Sady nitsipi-rano an'i Farao i Jakoba ka le niboaky niala tanilany teo. ¹¹Tafara zay le nampipetsaky ty babany noho rahalahiny rey i Josefa. Nanoma sarin-tany ho andozy tamy ty tany Egypta ao ie, ze tany soa bibiky, Tamy ty tany i Ramesesa ao, nanahaky ty nibekoa i Farao. ¹²Nanoma hany ho ahy babany, noho rahalahiny rey, sady ty longo babany iaby i Josefa, nanahaky ty hisaky ty anany iaby. ¹³dy tsy nisy hany tamy ty tany iaby eo; safe naharé ty mosary. Simba ty tany Egypta noho Kanana noho ty mosary. ¹⁴Navory i Josefa tamy ty famarota vary tamy pipetsaky rey iaby ty jala iaby tamy ty tany Egypta noho ty tany Kanana. Bakeo le nandesy i Josefa tan-dapa i Farao ao ty jala. ¹⁵Lafa lany iaby ty jala ty tany Egypta noho ty tany Kanana, le nandeha tamy i Josefa eo iaby ty Egyptiana iaby nanao hozao: "Ameo hany zahay! Nanino zahay ro le ho maty anilanao eto safe lany ty jalany?" ¹⁶Hozao ty asa i Josefa: "Lafa lany ty jalanareo, le andeso atoy ty biby harénareo sady hanome hany ho ahinareo zaho ho solo ty biby harénareo." ¹⁷Ke le nandesin-drozy tamy i Josefa ty biby harén-drozy. Namea i Josefa hany ndrozy ho solo ty sovaly, ty aomby, ty aondry, sady ho solo ty biby haré tamy ze tao zay. ¹⁸Lafa tampitsy tao zay, le avy taminy teo ndraiky ndrozy ty tao manaraky sady nivola hozao: "Tsy hamony amy ty tomponay zahay fa lany iaby ty jalany, sady ty halakoa ty biby harénay le fa ahy ty tomponay. Tsy misy ndra ino ndra ino sisa amaso ty tomponay eo, laha tsy ty vatany noho ty taninay." ¹⁹Nanino zahay ro ho maty amasonao eo, zahay noho amy ty taninay? Valio zahay noho ty taninay ho solon-kany, la le ho mpiasa i Farao zahay noho ty taninay. Mba ameo voa zahay mba ho velo fa tsy ho maty, sady mba tsy ho hiala ty tany." ²⁰Ka le nivily i Josefa ho ahy i Farao ty tany ty Egypta iaby, safe namarotsy ty taniny iaby ty Egyptiana iaby fa naharé vatany ty mosary. Tamy zay ro lasa i Farao ty tany. ²¹Lafa ty amy ty olo lako, le nanovy andevo ty tany amy ty ilany ty sisin-tany i Egypta raiky ka le zisiky amy ty ilany hafa any ndrozy. ²²Ty tany ty mpisoro ro hany tsy nivily i Josefa, safe namea tombony mpisoro rey. Nihina tamy ty anjara namea i Farao azy ndrozy. Laha zay le tsy namarotsy ty taniny ndrozy. ²³Sady hoasa Josefa tamy ty olo lako hozao: "Ingo, fa niviliko ho an'i Farao nareo noho ty taninareo henanikio. Sady toy misy voa ho ahinareo, le hamboly amy ty tany eo nareo." ²⁴Amy ty fambolea, le tsy maintsy manome ty antsasa-liminy ho an'i Farao nareo, sady ty antsasany efatsy ho anareo manoka, mba ho masom-boly ho ahy ty tany mba ho hany ho ahy ty longonareo noho ty ananareo." ²⁵Sady hoasan-drozy hozao: "Nanavotsy ty ainy iha. Enganie ka hahita fitea amasonao eo zahay. Ho mpiasa i Farao zahay." ²⁶Ka le nanovy i Josefa lily niboaky tamy ty tany Egypta eo zay zisiky amy andro zao, fa ty raiky antsasa ty limy le ahy i Farao. Ty tany ty mpisoro avao ro tsy lasa i Farao. ²⁷Ka le nipetsaky tamy ty tany Egypta any, tamy ty tany i Gosena any i Israely. Nahazo fanana tany ty olo lakony. Namokatsy lako ndrozy sady nitombo Isa maré. ²⁸Nipetsaky tamy ty tany Egypta folo fito amby tao any i Jakoba, ka le fito amby efapolo amby zato tao ty androm-piainany. ²⁹Lafa mariny ty fotoa hahafaty an'Israely, le nikaiky an'i Josefa anany ie sady nanao taminy hozao: "Laha mahita fitea tamasonao eo zaho, le engao ambany ty feko eo ty tananao, sady atoro fatokisa noho fahamendreham-pitokia zaho. Mba ka alevy Egypta eto lahy zaho." ³⁰Lafa maty miaraky amy razako rey zaho, ka le handesinao miboaky an'i Egypta sady halevinao amy ty lolo ty razambeko any." Hozao ty asa i Josefa: "Hanao manahaky ze nivolaninao zaho." ³¹Hozao ty asa i Israely: "maniria amiko," sady nirý taminy i Josefa. Bakeo le longo tan-doham-pandreany eo Israely.

Chapter 48

¹Sady tafara raha zay tao, le nisy nivola tamy i Josefa hozao: "Ingo, marary babanao." Ka le nandesiny niaraky taminy ty anany mirahalaky, Manase noho Efraima. ²Lafa nivolana Jakoba hozao: "Ingo, Josefa anakilahinao avy mba hanenty anao," ka le nanory hery Israely ka niary petsaky tam-pandrea eo. ³Hozao ty asa i Jakoba tamy i Josefa: "Njanahary Tsitoha fa niseho tamiko ta tany Lozy any amy ty tany Kanana. Nitsipi-rano ahy le ⁴ka le nanao tamiko hozao: 'Ingo, hampamokatsy, noho hahalako anao Zaho. Hahavy firenea lako baka aminao Zaho. Le hameako ty tarihanao tany toy ho fanana zisiky farany.' ⁵Sady anakinao mirahalaky, ze teraky ho anao ta Egypta eto taloha ty namonjeako anao ho Egypta eto, le anahy. Efraima noho Manase le ho anahy, nanahaky ty maha anahy an'i Robena noho Simeona. ⁶Ty aja teraky afaran-drozy ro ho ahinao; ho tanisan-drozy ty anara rahalahiny rey nanahaky ty lovan-drozy. ⁷Sady zaho, le mbo zaho baka Padana-Arama any, le maty tanilako teo tan-dala eny tany ty tany Kanana any i Rahely, lana kelikely sisa ro tsy niaviany ta Efrata ao. Naleviko tan-dala eny ho Efrata any ie" (ze anovy hozao, Betlehema). ⁸Lafa hitan'i Israely anak'i Josefa rey, le hoy tiasany: "Ahinia moa retoa?" ⁹Le hoasa i Josefa tamy babany: "Anako retoa, ze namean-Janahary ahy tatoy." Le hoy tiasa i Isaraly: "Andeso amiko atoy ndrozy, mba hitsipazako rano azy." ¹⁰Sady fa nanjavo ty maso Israely noho ty fahanterany, le tsy afaky nahitaky ie. Lafa zay le nampanantony Josefa azy ndrozy, le nanoroky noho nandrakoky androzy ie. ¹¹Hoasa Israely tamy Josefa: "Tsy nitama hahitaky ty vatanao ndraiky zaho, fe nengan-Janahary ho hitako ndra ty anakinao aza." ¹²Le nala i Josefa tanivo ty pokopokon'Israely ndrozy, sady nandohaliky tamy ty tany ie. ¹³Le nalan'i Josefa ndrozy mirahalaky, Efraima tan-kavanany teo ho an-tanakavian'Israely, le i Manase tan-tanankaviany miatriky ty tanan-kavana an'Israely, le nanday androzy mba hariniky azy. ¹⁴Le naampatsy Israely ty tanany ankavana le napetrany tanabo ty lohan'i Efraima, azy zainy iny, sady ty tanany ankavia tanabo ty lohan'i Manase teo. Nampifamalihany ty tanany, safe i Menase ty talanolo. ¹⁵Le nitsipy rano an'i Josefa i Israely, le nanao hozao: " Enganie Azy njanahary ze nandeha talohan'i Abrahamana noho Isaka teo, azy Njanahary ze nitahy ahy zisiky henanikio, ¹⁶azy anjely ze niamby ahy tamy ty raty iaby, hitahy ty aja lahilahy retoa. Ho toniny amindrozy lahy tyanarako, sady ty anara i Abrahamana noho Isaka razako. Ho lako an-tany eto lahy ndrozy." ¹⁷Lafa nihitan'i Josefa fa napetraky babany tanabo ty lohan'i Efaraima teo ty tanany an-kavana, le tsy nankasitraky zay ie. Le nalany tsy andohan'i Efraima ty tana ty babany le nafalony tanabo lohan'i Manase. ¹⁸Le hoasa i Josefa tamy ty babany: "Tsy ie zao, lahy babako; fa toy ty talanolo. Engaho anabo ty lohany ty tananao an-kavana." ¹⁹Le tsy nanenky ty babany le nnao hozao: "Haiko, lahy anako, haiko. Hanjary firenena , noho ho avy bevata avao koa ie. Sady ty zainy avao koa le ho be mandilatsy azy, sady hanjary firenena lako ty tarihany." ²⁰Safa zao ro nitsipazan'i Israely rano androzy tamy andro zay: "Amy ty anaranareo ro hanonona ty olon'i Israely fitahia hanao hozao: 'Enganie Njanahary ro hahavy anareo manahaky an' i Efraima noho Manase.'" Zay ty fomba, nametrahan'Israely an'i Efraima ho aloha i Manase. ²¹Hoasa Israely tamy Josefa: "Ingo, fa ho maty zaho, fe Njanahary ro hitahy anao, sady handay anao himpoly amy ty tany ty razanao. ²²Hoahinao, ze anabo mandilatsy ty rahalahinao rey, le ameako anao ty fizra ty tany ze nalako tamy Amorita tamy ty mesobeko noho ty kititsiko."

Chapter 49

¹Bakeo nampikaiky ty anakilahiny i Jakoba, sady nivola hozao: "Mivoria nareo, mba ahaizako mivola aminareo ze hiseho aminareo amy ty ho avy. ²Mivoria sady mijanjina, nareo lahy anakilahin'i jakoba. Mijanina a'Israely, babanareo. ³Ry Robena, iha ro talanoloko, ty maheriko, sady ty fanomboha ty heriko, miavaky amy ty fahendrehana, sady miavaky amy ty fahefana. ⁴Tsy voatanjaky manahaky ty rano mandeha mare, ro tsy hahazo ty lohany iha, safe nanganiky tamy ty kitrely ty babanao iha. Bakeo nandoto zay iha; nanganiky tamy kitrelika teo iha. ⁵Simeona noho i Levy le mpirahalaha. Fitaovam-pialia ty heriloha rey ty mesobe ndrozy. ⁶Ry fanahiko, ka militsy amy ty filan-kevitsindrozy, fa ty foko lako voninahitsy mare laha hoan'zay. fa tanay ty siakindrozy ro namoanoany olo. Ho fahafinareta ro nitsaingovindrozy aomby rey. ⁷Engaho ho ozony ty helokandrozy, fa meloky zay---sady ty siakindrozy, fa loza bevata zay. Hizara androzy amy Jakoba any zaho sady hampiparitaky androzy amy Israely any. ⁸Ry Joda, Hanompo anao rahalainao rey. Ho amy ty vozo ty vahavalonao ty tananao. Handohaliky alohanao eo anakilahy ty babanao rey. ⁹Joda le anaky lion. Ry anakilahiko, niakitsy tamy ty fandresenaoy rey iha. Le niondriky ie, nalahelo manahaky ty lion vavy. Ia ro sahy hamoha azy? ¹⁰Ty kobay ty mpanjaka le tsy hiala amy Joda eo, ndra ty kobay ty mpanjaka rey anivo ty tombony rey, zisiky hiavian'i Silo. Hanoriky azy firenena rey. ¹¹Namehy ty ampondrany tamy ty voaloboky teo, sady ty anaky ty birikiny tammy ty voaloboky notinginy, le nanasa ty lambany rey tanay ty divay ie, sady ty siky lavany tanay ty liom-boaloboky. ¹²Ho mainty manahaky ty divay masony rey, sady ho foty manahaky ty ronono hiny rey. ¹³Hipetraky anila ty riaky i Zebolona. Ho serana ty sambo rey ie, sady hihitatsy a Sidona any ty fari-taniny. ¹⁴Isakara le ampondra matanjaky, miroro anivo ty vala ty aondry rey. ¹⁵Mahita toera fangala havozahe soa noho ty tany mahafinaritsy ie. Hanondriky ty ronony ho amy ty enta mahavesatsy ie sady hanjary mpiasa ho tiahy asa. ¹⁶Hitsara ty olo manahaky ty raiky amy ty foko an'i Israely i Dana. ¹⁷Ho bibilava anila ty lala i Dana, bibilava misy poizy amy ty lala eo ze manekitsy ty kitro ty soavaly, le miravoky ty mpitikitsy zay. ¹⁸Miamby ty famonjea zaho, lahy yaveh. ¹⁹Gada---hnafiky azy ty vondrony, fa hanafiky androzy amy ty kitro ty tombondrozy. ²⁰Ho soa ty hany Asera, sady hanome hany soa ty mpanjaka ie. ²¹Naftaly le diera vavy novaha, hanana biby soa tarehy ie. ²²Josefa le sampa ty vokatsy, sampa ty vokatsy anila ty lohatao, zay ty sampany le manganiky mandilatsy ty lakoro. ²³Mpandefa kititsy rey le hanafiky azy sady hitifitsy azy noho hampijaly azy. ²⁴Fa ty kititsy le hijano haharitsy, sady ty tanany le hahay hanao mandilatsy ty tana azy Maherin'i jakoba, noho ty anara ty mpiaraky aondry, ty vatolampy ty Israely. ²⁵Ty Njanahary ty babanao le hanampy anao sady ty Njanahary Tsitoha hitahy anao amy ty fitahia ty lanitsy anabo rey, fitahia ty laliky ze niroro ambany rey, sady fitahia ty tratra noho ty kibo. ²⁶Tsipy rano ty babanao rey le bevata mandilatsy ty fitahia ty vohitsy taloha ndra ty raha iria ty vohitsy taloha rey. Ho andohan'i Josefa lahy rey, le amy ty satro-boninahitsy ty loha ty printsin'irey rahalahiny mihintsy. ²⁷Benamina le alika mosare. Amy ty maray le hitely ty haza ie, sady amy hariva le hhizara ty nirava ie. ²⁸Foko folo roe amby an'Israely rey. Zay ty nivolan' ny babany tamindrozy lafa nitsipy rano androzy ie. Nitsipazany rano kiraikiraiky tamy ty fanipaza rano mifanandrify iaby. ²⁹Le nandily androzy ie sady nanao hozao androzy: "Fa nandeha amy ty oloko zaho. Leveno miaraky amy ty razambeko andolo ao ze amy ty baibon'i Efrona Hetita zaho, ³⁰Amy lolo ze ambaibon'i Makpela, ze anila iMamre amy tany kanana any, ty baibo ze nivilian'i Abrahama ho toera fandevena tany amy Efrona Hetita any. ³¹Tao ro nandevenandrozy an'i Abrahama noho Saraha valiny; tao ro nandevena androzy an'Isaka noho Rebeka valiny; sady tao ro nandevena an'i lea. ³²Ty baibo noho ty lolo ze natay zay le novilia tamy ty olon'i Heta. ³³Lafa vitan'i Jakoba tamy ty anany rey zay lily zay, le namoritsy ty tombony ho an-kitrely ie, le niala ay, le nandeha amy ty olony any.

Chapter 50

¹Le nalahelo mare i Josefa le nihohoky tamy ty vata ty babany teo, noho nitany taminy teo, sady nanoroky azy ie. ²Nandily ty mpitsabo mpiasany i Josafa mba hanosotsy raha manitsy ty babany. Le nohora ty mpitsabo raha manitsy i Israely. ³Nangalaky efapolo andro ndrozy, fa zay ty fetsy ty andro fanosora. Nitany azy naharitsy fitopolo andro Egyptian rey. ⁴Lafa tapitsy ty andro fisaona, le niresaky taminy tan-tranon'i Farao i Josefa nivola hozao: "Laha mba nahitaky sitaky ta imasonareo teo zaho, le mba volano lahy Farao hoe: ⁵Fa nampifanta ahy ty babako, nivola hozao: "Ingo, fa ho maty zaho. Aleveno amy ty lolo ze fa nilavahako ho tiahy amy ty tany Kanana any zaho. Any ro andevenanao ahy." Henany zao engaho zaho hiakatsy sady handevy ty babako, sady himpoly zaho bakeo." ⁶Namaly hozao i Farao: "Mandina sady aleveno ty babanao, araky ty nampifantany anao." ⁷Niakatsy handevy ty babany Josefa. Niaraky nandeha tamy ty mpanapaky an'i Farao iaby—ty olo anabo tan-dapany tao, sady ty be ty mpanampaky iaby tamy ty tany Egipta tao, ⁸mbamy tty longon'i Josefa noho ty rahalahany iaby, sady ty longo ty babany. Fa ty anakiny rey, ty aondry noho ty aosiny rey, sady ty aombindrozy avao ro nenga tamy ty tany Gosena. ⁹Niaraky taminy avao koa ty kalesy noho ty mpitikitsy soavaly. Le olo lako zay. ¹⁰Lafa niavy tamy famoloanan'i Goren-atada ampita i Jordana ndrozy, le nisaona mare noho tamy ty fahoria bevata ndrozy. Nanao fisaonana fito andro ho tiahy babany teo i Josefa. ¹¹Lafa hita ty mpipetraky tany, Kananita, ty fisaonana tamy famoloan'i Goren-atada, le hoasandrozy: "Fotoa le vatany mampalahelo an'i Egyptiana zao." Zay ty nahavy ty toera nikaiha hoe Abela-Mizraïma, ze ampita i Jordana. ¹²Le nanovy ty anakilahiny tamy Jakoba araky ze nandiliany androzy. ¹³Nitarazoa ty anakilahiny rey mban-tany Kanana tany ie sady nalevandrozy tanay ty lavabato tamy baibo i Makpela tao, anila i Mamre. Novilian'i Abrahama ho toera fandevena ty lava-bato mbamy ty baibo. Niviliany tamy Efrona Hetita zay. ¹⁴Lafa nvita ty fandevena ty babany, le nimpoly ta Egipta i Josefa, ie, noho ty rahalahiny rey, sady iaby rey ze nanoriky azy mba handevy ty babany. ¹⁵Lafa vhitany ty rahalahy Josefa rey fa nimaty ty babandrozy, le hoasandrozy: "Manao akory laha mbo mitanjaky heloky amitsika i Josefa sady te hamaly antsika amy ty raty iaby ze nanovitsika taminy?" ¹⁶Le nandily ty fanatreha i Josefa ndrozy, nivola hozao: "Fa nanome baiko ty babanao taloha ty nifatesany, nivola hozao: ' ¹⁷Volano amy Josefa zao: " Engaho lahy ty fandikan-dalana noho ty fahota ty rahalahinao rey amy ty raty nanovindrozy taminao rey." Henanizao le engaho lahy ty mpanompon-Janahary ty babanao." Nitany i Josefa lafa niresaky tamindrozy. ¹⁸Nandeha avao koa ty rahalahiny rey sady nanondriky ty vatany tanatrehany. Hoasandrozy: "Ndretoa zahay mpanomponao." ¹⁹Fa novalia i Josefa hoizao ndrozy: "Ka mavaka. Amy try toeran-Janahary va zaho? ²⁰Fa nareo, le nihevitsy hanisy raty ahy, fe Njanahary le nihevitsy zay ho amy ty soa, mba hiarova ty ai ty olo lako, araky ty hitanareo henanio. ²¹Le henanizao ka matahotsy. Hanome anareo ty anakinareo maliniky rey zaho." Nampiono androzy manahaky zay ie sady nivola tamy mpitiava tampondrozy. ²²Nipetraky ta Egipta i Josefa, niaraky tamy ty longo ty babany. Folo amby zato tao ty niainany. ²³Nahita ty anak' i Efraïma rey ie zisiky amy ty tariha fahatelo i Josefa. Nahita ty anaky Makkira anakilahy ty Manase avao koa ie, ze natsanga i Josefa. ²⁴Hoasa Josefa tamy ty rahalahiny hozao: "Fz ho maty zaho; Idaho avy aminareo vatany Njanahary sady nitariky anareo hiala an-tany eto ho amy ty tany ze niriny homeany an'i Abrahama any, Isaka, sady Jakoba." ²⁵Sady Josefa nampaniry faniriany olo lakon'Israely. Hoy ie hozao: "Ho avy aminareo vatany Njanahary. Amy fotoa zay le tsy maintsy andesinareo miala eto ty taolako." ²⁶Sady le maty i Josefa, Lafa 110 tao. Nihosoran-drozy raha manitsy sady napetsaky tanay ty tea-party ao ta Egipta any ie.

Exodus

Chapter 1

¹Ndretro ty anara anakilahin'Israely rey ze nana Egipta any niaraky tamy Jakoba, ze niaraky tamy longony rey iaby: ²Robena, Simeona, Levy sady Joda; ³Isakara, Zebolona, sady Benjamina, ⁴Dana, Naftaly, Gada sady Asera. ⁵Tariha i Jakoba iaby rey le miisaky fitopolo. Josefa koa ro fa ta-Egipta any. ⁶Sady maty Josefa, noho ty lahilahy iaby, sady tariha iaby rey. ⁷Namokatsy Israelita rey, nitombo zisiky any ty hisakin-drozy, sady nanjary tena natanjaky; atsiky androzy ty tany. ⁸Sady le nisy mpanjaka vaovao nanjaka nameno an'i Egipta, ze tsy nahay ty momba Josefa. ⁹Hoy ie tamy olo lakony rey hozap: "Ingo, Israelita rey le lako hisaky noho matanjaky tokoa noho tsika. ¹⁰Mamonjea, engaho hifampirahara am-pahendrea amin-drozy, laha tsy zay le hitombo hisaky zisiky farany ndrozy, sady laha vaky ty aly, le hamonjy fahavalontsika rey ndrozy, hialy amitsika, sady hiala ty tany." ¹¹Ka le nametsaky mpifehy ndrozy mba hampijaly androzy amy ty asa mahery. Namboatsy tanà fanajaria ho ahy Farao Israelita rey: Pitoma noho Ramesesa. ¹²Fe vo maiky Egyptiana rey mampijaly androzy, le vo maiky nitombo hisaky

noho niparitaky Israelita rey. Ka le nanomboky natahotsy Israelita rey Egyptiana.¹³Nampiasà Egyptiana maré Israelita rey.¹⁴ Nanoviny nangily ty fiain-drozy tamy ty fanompoa mahery tamy ty fananova feta noho boriky, niaraky tamy karazan-draharaha iaby am-baibo eny rey. Ty asa iaby nitaké tamin-drozy le mahery iaby.¹⁵Sady nireky tamy mpampivelo Hebreo rey ty mpanjaka Egypta; ty anara ty raiky le Sifra, sady ty raiky Poa. ¹⁶Hoy ie hozao: "Lafa manatsiky ty ampela Hebreo rey amy ty seza fiteraha nareo eo, le oriho maso ndrozy lafa niteraky. Laha aja lahilahy zay, le tsy maintsy hovanonareo ie; fa laha aja ampela koa, le afaky engà ho velo."¹⁷ Fa natahotsy Njanahary mpampivelo rey ka tsy nanao ze nibekoa ty mpanjaka Egypta ndrozy; nengan-drozy ho velo aja lahilahy rey.¹⁸Nampikaiky mpampivelo rey ty mpanjaka Egypta ka le nivola tamin-drozy hozao: "Nanino ro nanao ze nareo, sady nanenga aja lahilahy kelikely ho velo rey?" ¹⁹Le namaly Farao mpampivelo rey hoe: "tsy mitovy amin'ampela Egyptiana rey ty ampela Hebreo. Matanjaky ndrozy ka fa nahavita nampiboaky aja aloha ty hiavia ty mpampivelo amin-drozy any."²⁰Narovan-Janahary mpampivelo rey. Nitombo hisaky pipetsaky rey sady tena niha-natandraky. ²¹Safe natahotsy an-Janahary mpampivelo rey, le nameany longony ndrozy.²² Nibeko olo lakony iaby Farao hoe: "Tsy maintsy harianareo amy ty reninareo any aja lahilahy iaby ze vo teraky, fa ty aja ampela henganareo ho velo."

Chapter 2

¹Sady nisy lahilahy raiky amy ty foko i Levy nanambaly anak'ampela i Levy.² Nibevoka azy ampela iny ka le niteraky aja lahilahy. Lafa hitany fa aja lahilahy salama ie, le navoniny zisiky ty telo vola.³ Fa lafa tsy afaky namony azy sasy ie, le nangalaky sobiky niraré tamy ty akata sady napitiny tamy ty litan-tany noho linta zay. Bakeo le nampiliry teo azy aja kelikely iny ka le napetsany tamy sisiny eny ty volotara manaraky ty sisiny ty rano mandeha zay.⁴ Nitsanga baka lavitsy ty anabaviny mba hanenty ze hahazo azy.⁵ Nijotso niandro tamy ty rano mandeha eny ty anak'ampela i Farao laha nandehandeha nanaraky ty sisiny ty rano mandeha mpanompony rey. Nahita ty sobiky tamy ty volotara eo ie ka le naniraky ty mpanompony hangalaky zay.⁶ Lafa namoha zay ie, le nahita azy aja kelikely iny. "Azo antoky fa raiky amy anaky Hebreo rey toy."⁷ Sady hoasa ty anabavy aja kelikely tamy ty anak'ampela i Farao hozao: "Tokony handeha sady hila ampela Hebreo mba hiteza azy aja ho ahy nao va iha?"⁸ Le hoasa ty anak'ampela Farao taminy hoe: "Mandehana." Ka le nandeha azy ampelasoa iny sady nangalaky ty reniny azy aja iny.⁹ Hoasa ty anak'ampela Farao tamy ty reniny azy aja iny hozao: "Rambeso aja toy ka le tezao ho ahy, sady hameako karama iha." Le nirambesiny azy ampela iny aja iny sady nitezany.¹⁰ Lafa nibevata aja iny, le nandesiny amy ty anak'ampela Farao, ka le nanjary anany. Nameany anara hoe Mosesy ie sady hoy ie hozao: "Safe nampiboaky azy baka amy ty rano eny zaho."¹¹ Lafa bevata i Mosesy, le niboaky tamy olo lakony rey eny sady nanara-maso ty asa maherin-drozy. Nahita Egyptiana raiky namono Hebreo raiky ie, raaiky amy olo lakony rey.¹² Nanenty tetia noho reto a ie, sady lafa hitany fa tsy nisy olo teo, le nivonony azy Egyptiana iny sady navoniny tanay fasiky ao ty tafiny.¹³ Niboaky ie ty hamaray, sady, ingo, nisy Hebreo roe lahy nialy. Hoasany tamy azy raiky ze diso iny hoe: "Nanino iha ro mamango ty namanao?"¹⁴ Fa hoasa azy lahilahy iny hoe: "Ia ronametsaky anao ho mpitariky ka le hitsara anay? Mitetiky ty hamono ahy manahaky ty namonoanao azy Egyptiana iny va iha?" Bakeao le niha-natahotsy Mosesy ka le nanao hozao: "Nanjary hay hafa vatany ty raha nanoviko rey."¹⁵ Sady lafa re i Farao ty mikasiky zay, le nila ty hamono an'i Mosesy ie. Fe nilay an'i Farao i Mosesy ka le nipetsaky tamy ty tany ty Midiana ao. Sady nipetsaky tanila ty lava-drano tany eo ie.¹⁶ Sady nana anaky fito ampela azy mpisoro iny ty Midiana. Avy ndrozy, nangalaky rano, sady nanome ty tavy finoma mba hanomeza rano ty aondry noho aosy ty baban-drozy.¹⁷ Avy mpiamby aondry rey ka niezaky nandroaky androzy, fe nandeha sady nanampy androzy i Mosesy. lafa ze le nampinomy rano ty aondry noho aosy ndrozy rey.¹⁸ Lafa nandeha tamy Regoela any babany ampela rey, le hoasany hoe: "Nanino to avy aloha an-tsano atoy nareo androany?"¹⁹ Sady hoasan-drozy hoe: "Nisy Egyptiana raiky nanavotsy anay tamy mpiemby aondry rey. Mbo nangalaky rano ho anay noho nampiono rano aondry noho aosy rey aza ie."²⁰ Le hoy ie tamy ty anak'ampelany rey hoe: "Le aia sady ia? Nanino ro nenganareo ty lahilahy? Kaiho ie mba hiaraky hihina amintsika."²¹ Nanenky hiara-hipetsaky tamy azy lahilahy iny i Mosesy, ze nanome azy an'i Zipora anak'ampelany avao koa mba ho valiny.²² Niteraky aja lahilahy ie, sady nikaihy Mosesy hoe Gersoma ty anarany; hoy ie hozao: "Fa vahiny amy ty tany ty firenea hafa atoy zaho."²³ Fotoa lako tafara ato, le maty ty mpanjaka i Egypta. Nisento noho ty asa fanandevoza Israelita rey. Nikaiky vonjy ndrozy, sady niakatsy tamin-Janahary any ty fitorevan-drozy noho ty fanandevoza androzy.²⁴ Lafa ren-Janahary ty sento mdrozy, le nahatiaro ty fanekeany tamy Abrahama, tamy Isaka, sady tamy Jakoba Njanahary.²⁵ Hitan-Janahary Israelita rey, la le hainy ty nahazo androzy.

Chapter 3

¹Sady mbo nandiny ty aondry noho aosy i Jetro rafozany, azy mpisoro ty Midiana iny avao i Mosesy. Le nandesy Mosesy tam-balikitsano any ty aondry noho aosy ka le avy ta Horeba any, azy vohitsy Njanahary any. ²Teo ro niseho azy anjely Yaveh taminy tamy ty lelan'afao tanay voaroy ao iny. Nanenty i Mosesy, sady ingo, nirehitsy ty voaroy, ³Le hoasa Mosesy hoazao: "Hamonjy mariny zaho mba hanenteako raha mahatseriky zao, nanino ro tsy rava azy voaroy iny." ⁴Ka lafa hita Yaveh fa namonjy mariny ie mba hanenty, le nikaiky azy baka amy azy voaroy iny eo Njanahary ka nanao hoazao: "Mosesy, Mosesy." Le hoasa Mosesy hoazao: "Toy zaho." ⁵Le hoasa Njanahary hoazao: "Mba ka manariny bibiky! Alao an-tombonao eny ty kiraronao, fa ty toera ze itsangananao le tany fa voatoka ho Ahy." ⁶Nampeany hoe: "Zaho ro Njanahary ty razanao, Njanahary Abrahama, Njanahary Isaka, sady Njanahary Jakoba." Le napisaro ty tarehiny i Mosesy, safe natahotsy ty hanenty Njanahary ie. ⁷Hoasa Yaveh hoazao: "Hitako vatany ty fijalea ty olo lakoko ze ta Egipta ao. Fa reko ty fitorevan-drozy noho ty amy mpamehy azy, safe haiko ty momba ty fijalean-drozy." ⁸Ka le nijotso zaho mba hanafaky androzy amy ty fahefa Egiptiana rey sady handay androzy hiakatsy baka amy tany zay ho amy ty tany soa any, noho malalaky, ho amy ty tany tondraky ronono any noho tantely; ho amy ty faritsy Kananita rey any, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita, sady Jebosita rey. ⁹Amy zao fa avy amiko atoy ty fitoreva ty olo lako Israely rey. Sady koa, fa hitako ty fampijalea nanovy Egiptiana rey. ¹⁰Noho zay, haniraky anao ho amy Farao any Zaho mba hafahanao handay ty olo lakoko, Israelita rey, hiala Egipta ao." ¹¹Fe hoasa Mosesy tamy Njanahary hoazao: "Ia moa zaho, ro handeha amy Farao any ka le handay Israelita rey hiala Egipta ao?" ¹²Le namaly Njanahary hoazao: "Hitahy anao vatany Zaho. zao ro fahaiza ho anao fa naniraky anao Zaho. Lafa tafa-boakinao baka Egipta ao ty olo lako, le hanompo Ahy amy ty vohitsy toy eto nareo." ¹³Le hoasa Mosesy tamy Njanahary hoazao: "Laha ho amy Israelita rey any zaho ka le hivola amin-drozy hoe: 'Ty Njanahary ty razanareo ro naniraky ahy ho aminareo atoy,' ka le laha hoy ndrozy amiko hoe: 'Ia ro anarany?' Le ino ro ho volaniko amin-drozy?" ¹⁴Le hoy Njanahary tamy Mosesy hoazao: "ZAHO RO ZAHO." Le hoy Njanahary hoe: "Tsy maintsy hivolananao Israelita rey hoe: 'ZAHO ro naniraky ahy ho aminareo atoy.'" ¹⁵Le hoy avao koa Njanahary tamy Mosesy hoazao: "Yaveh, Njanahary ty razanareo, Njanahary i Abrahama, Njanahary Isaka, Njanahary i Jakoba, ro naniraky ahy ho aminareo atoy. Zay ro anarako zisiky amy zao, zay ro hatiarova Ahy zisiky amy ty tariha farany iaby." ¹⁶Mandehana ka le avorio miarakany olo-be ty Israely rey. Volano amindrozy hoazao: "Yaveh, Njanahary ty razanareo, Njanahary i Abrahama, Njanahary Isaka, Njanahary i Jakoba, fa niseho tamiko ka le nanao hoe: 'Fa nandiniky anareo vatany zaho, sady nahita ze nanovy taminareo ta Egipta.'" ¹⁷Fa nampanantena Zaho fa handay anareo hiala amy ty fampijalea ta Egipta ao ho amy ty tany Kananita rey any, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita, sady Jebosita rey, tany vondraky ronono noho tantely. ¹⁸Hijanjanjy anao ndrozy. Tsy maintsy mana amy ty mpanjaka Egipta any iha noho olo-be Israely rey any, ka le zao ro tsy maintsy ho volaninareo aminy hoazao: "Yaveh, Njanahary ty Hebreo, le fa nijanjy taminay. ka le engaho zahayhandeha hateloha ambaliky any, mba hafahanay hanao soro ho an'i Yaveh, Njanahary." ¹⁹Nefa hainao fa tsy hanenga anareo handeha ty mpanjaka Egipta, laha tsy ho forseva ie. ²⁰Hanapmatsy ty nanako Zaho sady hanafiky Egiptiana rey amy hatsereha ze hanoviko amin-drozy rey eo. Lafa afaky zay le hanenga anareo handeha ie. ²¹Le hampahitako fitea amy ty Egiptiana rey olo lako rey, ka lafa handeha nareo, le tsy handeha amy ty tanam-polo. ²²Ty ampela iaby le hangataky rojo volafoty noho volamena sady fisikina amy Egiptiana rey mpiarakany mipetsaky aminy noho ze ampela mpiarakany mipetsaky aminy. Hampandaisinareo ty anakilahinareo noho ty anak'ampelanao zay. Zay ro fomba handravanareo ty Egiptiana."

Chapter 4

¹Namaly Mosesy hozao: "Fe Nanino laha tsy mino ahy ndrozy na tsy mijanjy ahy fa hivola koa hozao: "Tsy niseho taminao va Yaveh?" ²Hoasa Yaveh taminy: "Ino an-tananao iny?" Namaly Mosesy hoe: "Tehy." ³Hoasa Yaveh hozao: "Atoraho amy ty tany zay." Nanoraky zay tany ty tany i Mosesy, sady nivaliky bibilava zay. Nilay zay i Mosesy. ⁴Hoasa Yaveh tany Mosesy hozao: "Amparo ty tananao sady rambeso amy ty hohiny io." Ka le nanampatsy ie sady nanaday azy bibilava iny. Le nanjary tehy an-tanany eny ndraiky zay. ⁵"Zay le mba hahafahan-drozy mino fa Yaveh, azy Njanahary ty razan-drozy, Njanahary Abrahama, Njanahar'Isaka, sady Njanahary Jakoba, ro fa niseho taminao." ⁶Hoy avao Yaveh taminy hozao: "Zao le atsofoho anay akanjona ao ty tananao." Le natsofoky Mosesy tanay akanjo ao ty tanany. Lafa nampiboaky zay ie, ingo, boka ty tanany, foty manahaky ty zavo. ⁷hoasa Yaveh: "Atsofoho anay akanjo ao ndraiky ty tananao." Le natsofoky Mosesy tanay akanjony ao ty tanany, sady lafa naboakiny zay, le hitany fa afaky ndraiky zay, manahaky ty amby ty nofotsiny iaby. ⁸Hoasa Yaveh h9zao: "Laha tsy mino anao ndrozy---laha tsy midary ty fahaiza velohany ty heriko na tsy mino zay ndrozy, le hino ty fahaiza faharoe. ⁹Laha tsy mino na le fahaiza ty heriko toe rey aza ndrozy, na tsy mijanjy anao, le manobiza rano amy ty renirano any sady harotsako amy ty tany maiky zay. Ty rano ze ho alanao le hivaliky lahy amy ty tany maiky eo." ¹⁰Le hoasa Mosesy tany Yaveh hozao: " Tompo, tsy mahay mandahatsy ty safa zaho, na tany ty lasa na zisiky amy ty niresahanao tany ty mpiasanao. Miadam-pivolana noho bada-lela zaho." ¹¹ Hoasa Yaveh taminy hoe: "Ia azy na ao ty olo ho moa na mareny na mahita na jiky iny? Tsy Zaho va, Yaveh? ¹²Noho zay mandehana, sady Zaho manenky ty vavanao sady hampianatsy anao ze ho volaninao." ¹³Fa hoasa Mosesy: "Tompo, maniraha olo hafa, ze teanao hirahy." ¹⁴Le neloky tany Mosesy Yaveh. Hoy ie hozao: "Nanino ty momba an'i Arona rahalahinao, azy Levita iny? Haiko fa afaky mivola soa ie. Fanampia zay, ho avy hotojiky aminaio ie, sady lafa mahita anao ie, le ho faly am-pony ao. ¹⁵Hivola aminy iha sady hametsaky ty safa hovolany am-bavany eo. Zaho hitahy ty vavanao noho ty vavany, sady hasehoko anareo roe ze hanovy. ¹⁶Hivola amy ty olo lako ho anao ie. Ho vavanao ie, sady aminy 8ha le hanahaky Ahy, Njanahary. ¹⁷Ho andesinaoan-tananao eo tehinio io. Amy zay ro hananovanao fahaiza rey." ¹⁸Le nimpoly amy Jetro rafozan-dahiny any i Mosesy sady nivola taminy hozao: "Engaho zaho handeha mba hafahako mimpoly amy longoko ze Egypta any sady hanenty laha mbo velo ndrozy. " Hoasa Jetro tany Mosesy hoe: "Mandehana am-piadiana." ¹⁹Hoasa Yaveh tany Mosesy ta Midiana any hoe: "Mandehana, mimpoly Egypta any, fa maty lahilahy iaby ze nikiry hangalakany ainao rey." ²⁰Nangalakany ty valiny noho anakilahiny i Mosesy sady nametsaky androzy tanabo ty boriky eo. Nimpoly tany ty tany Egypta any ie, sady nirambesiny tan-tany eny ty tehin-Janahary. ²¹Hoasa Yaveh tany i Mosesy hozao: "Lafa mimpoly Egypta any iha, engaho ho anovinao anila Farao eo ty raha maha tseriky iaby ze fa nengako tany ty fahefanao eo. Fe hampahery ty fony Zaho, sady tsy hanenga olo lako handeha ie. ²²Tsy maintsy hivola an'i Farao iha hozao: 'Zao ro nivolany Yaveh: Israely ro anakilahiko, velohany,' ²³sady mivola aminaio Zaho: 'Engao handeha ty anako, mba hafahany manompo Ahy.' Fa safe nandà ty hanenga azy handeha iha, le hovanoko vatany ty anakilahinao, le ty velohany." ²⁴Sady tan-dala teny, Lara nijano ho amy ty haliky ndrozy , le nitojiky tany Mosesy sady le fa ho namono azy Yaveh. ²⁵Sady nangalakany fitaratsy vato i Zipora sady nanavatsy ty anakilahiny, sady nikosoky zay tany ty tombony. Le hoy ie: "Azo antoky fa valy amy ty alala ty lio amiko iha." ²⁶Sady nanenga azy raiky Yaveh. Hoy ie hozao: "Valy amy ty alala ty lio iha" noho azy fisavara iny." ²⁷Hoasa Yaveh tany Arona hoe: " Mandehana ambaliky any mba hotojiky amy Mosesy." Nandeha i Arona, nitojiky taminy tam-bohitsin-Janahary any, sady nanoraky azy. ²⁸Nivolany Mosesy tany Arona iaby ty Safa Yaveh ze nanirahany azy rey ho volany noho ty momba famantara ty fahefa Yaveh iaby rey ze nibekoany azy ho anoviny. ²⁹Sady nandeha Mosesy noho Arona le namory olo Ben'Israelita iaby rey. ³⁰Nivolany i Arona iaby ty safa iaby ze nivolan'i Yaveh tany Mosesy teny rey. Nampisehosehony tamaso olo lako avao koa ty fahaiza ty hery Yaveh rey teo. ³¹Le nino ty olo lako. Lafa ren-drozy fa nandiniky Israelita rey Yaveh tsady fa nahita ty fampijalea ndrozy sady nanompo Azy.

Chapter 5

¹Tafara ty nitsanga raha rey, le nandeha tamy Farao any i Mosesy noho Arona sady nivola hozao: "Zao ro volany Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, hozao: 'Engao ty oloko handeha, mba hananovan-drozy fifalefalea ho Ahly ambaliky any.'" ²Hoasa Farao hozao: "Fa ia kay Yaveh zao? Nanino zaho ro tokony hijanjy ty safany sady hanenga an'Israely handeha zaho." ³Hoy ie hozao: "Fa nitojiky taminay ty Njanahary Hebreo. Engao zahay handeha hateloha ambaliky any sady hanao soro ho ahy Yaveh Njanaharinay mba tsy hanafihany anay amy ty loza na amy ty meso bevata." ⁴Fa hoasa ty mpanjaka Egypta tamin-drozy hoe: "Mosesy noho Arona, Nanino nareo ro mangalaky ty olo amy ty asan-drozy? Mimpolia amy ty asanareo." ⁵Hoy avao koa ie hoe: "Amy zao misy olo lako Hebreo lako amy ty taninay eto, sady mampijano androzy amy ty asany nareo." ⁶Tamy andro io avao, le nanome beko tamy mampiasa rey noho mpiemby i Farao. Le hoy ie hozao: ⁷"Tsy nanahaky ty taloha teo, engaho tsy hanome lila hanamboara boriky ho ahy ty olo sasy nareo. Engaho ndrozy handeha sady hamory lila ho ahy ty vatan-drozy. ⁸Ndra zay aza, sady tokiny mbo hitaky ty isaky boriky mitovy tamy ty nanovin-drozy taloha avao koa nareo. Mba ka manenky ze tsy ampy noho zay, safe kamo ndrozy. Zay ro mahavy androzy mikaiky maré noho hanao soro ho ahy ty Njanaharinay." ⁹Ampitombo ty lera hiasà ho ahy lahilahy rey mba hidarean-drozy amy zay ka tsy hijanjy ty safa fitaky sasy." ¹⁰Ka le nandeha hampahay ty olo lako ty olo ty mampiasa noho mpiemby rey. Hoasan-drozy hozasa: "Zao ro nivolany Farao hoe: 'Tsy hanome lila ho anareo sasy zaho. ¹¹Enganie nareo avao ro handehana ka hangalaky lila ndra ia ndra ia ahitanareo say, fe tsy hihena ty asanareo'" ¹²Ka le niparitaky nameno ty tany Egypta iaby olo rey mba hamory volim-bary hatao lila. ¹³Sady mampiasa rey nanohy nandrisiky androzy ka le nivola hozao: "Vitao ty asanareo, manahaky ty tamy ty fotoa nanomeza lila anareo." ¹⁴Namango ty mpiemby Israelita rey mampiasa Farao, lahilahy ze fa nampiantofan-drozy an'i mpiasa rey avao. Nanontany androzy zisiky ty mampiasa any hoe: "Nanino nareo ro tsy namokatsy ty boriky iaby ze nitaké taminareo, ndra nomaly ndra nandroany, manahaky ty fanovy nareo taloha?" ¹⁵Ka le namonjy an'i Farao ty mpiemby Israelita rey ka nitoreo taminy hozao: "Nanino iha ro manday mpiasanao manahaky zao?" ¹⁶Tsy hisy lila hamea mpiasanao rey sasy, fe ndrozy le mbo mivola anay hozao: 'Manamboara boriky!' Zahay, mpiasanao, sady vangoa mihintsy aza amy zao, fe hadisoa ty olo lakonao avao zay." ¹⁷Fa hoasa Farao hozao: 'Engao zahay handeha hanao soro ho an'i Yaveh.' ¹⁸Ka le amy zao Mandehana mimpoly amy ty asanareo. Tsy hisy lila hamea anareo sasy, fa tsy maintsy mbo manao isaky boriky mitovy avao koa nareo." ¹⁹Hita mpiemby Israelita rey fa tafalatsaky tanay akata any ndrozy lafa nivolany hozao: "Tsy mahazo mampihena ty isaky boriky saba isan'andro nareo." ²⁰Nitojiky tamy Mosesy noho Arona ndrozy, ze nitsanga tambaliky lapa any, lana nandeha baka amy Farao ao ndrozy. ²¹Hoasa ndrozy tamy Mosesy noho Arona hozao: "Hanenty anareo lahy Yaveh sady hanasazy anareo, safe nanovinareo nangily nofotsy tamaso Farao noho mpiasany teo zahay. Nasianareo meso bevata ty tanan-drozy mba hamonao anay." ²²Nandeha nimpoly amy Yaveh any Mosesy sady nivola hozao: "Tompo, Nanino Iha ro mampilitsy loza olo rey? Nanino zaho ro nalefanao velohany?" ²³Isaky ty namonjy an'i Farao handay ty hafatsinao zaho, le nanday fikorontana ho an'i olo rey ie, sady tsy nanafaky ty olo mihintsy Iha."

Chapter 6

¹Sady Yaveh nivola tamy hozao: "Henanikio ro hahitanao ze hanoviko amy Farao. Ho hitanao zay, fa hanenga androzy handeha ie noho ty tanako mahery. Noho ty tanako mahery, handroaky androzy hiala amy ty taniny ie."²Njanahary nivola tamy Mosesy ka nanao hozao: "Zaho ro Yaveh, ³Amy ty maha-Njanahary Tsitoha Ahy ro nisehoako tamy Abrahama, Isaka sady Jakoba; fa amy ty anarako, Yaveh, le tsy nahay Ahy ndrozy. ⁴Nametsaky fifanenkea tamin-drozy avao koa Zaho, mba hanomezako androzy ty tany Kanana, tany ze nipetsahan-drozy amy ty maha vahiny azy, tany ze nirioriovan-drozy. ⁵Sady koa, naharé ty fitoreva ty Israelita ze nandrava ty Egyptiana avao koa Zaho, ka le tiaroko ty fanenkeako. ⁶Noho zay, volano Israelita rey hozao: 'Zaho ro Yaveh. Hanafaky anareo amy ty fanandevoza ty Egyptiana Zaho, sady hafahako amy ty heriny nareo. Hanavotsy anareo amy ty fampitoroa ty heriko Zaho, sady amy asa fitsara mahery rey. ⁷Halako ho olo lakoko nareo, sady Zaho ho Njanaharinareo. Ho hainareo fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo, ze nanafaky anareo tambany ty fanandevoza ty Egyptiana rey eo.⁸Handesiko amy ty tany ze fa nampanantenako tamy Abrahama any, Isaka, sady Jakoba nareo. Le hameako ho fanagnanareo zay. Zaho ro Yaveh.'" ⁹Lafa nivola zay tamy Israelita rey i Mosesy, le tsy nijanjy azy rozy noho ty hakivian-drozy mikasiky ty fanandevoza mahery androzy.¹⁰Ka le nivola tamy Mosesy i Yaveh ka le nanao hozao: ¹¹"Andao volano i Farao, mpanjaka i Egypta, mba hamango ty olo lako Israely hiala amy ty taniny ao. ¹²Hoasa Mosesy nivola tamy Yaveh ho zao: "Laha tsy nijanjy Ahy Israelita rey, nanino i Farao ro hijanjy ahy, safe tsy le mahay mandahan-tsafa zaho?" ¹³Le nivola tamy Mosesy noho Arona i Yaveh. Nanome baiky androzy ho an'i Israelita noho an'i Farao, mpanjaka Egypta Ie, mba handay Israelita hiala ty tany Egypta rey.¹⁴Ndreto ro loha ty longo ty razam-ben-drozy: anakilahin-dRobena rey, anakilahin'Israely velohany, le i Hanoka, Palo, Hezrona, sady Karmy. Ndreto ro foko ty razamben'i Robena. ¹⁵Anakilahy Simeona rey le Jemoela, Jaminasy, Ohada, Jakinasy, Zohara, sady Saoly ty anakilahy azy ampela Kananita iny. Rozy ro razambe ty foko i Simeona. ¹⁶Azy hisahy reto ro anakilahy Levy, miaraky amy ty tarihan-drozy. Ndrozy le i Gersona, Kehata, sady i Merary. Niay zisiky amy ty faha137 taony i Levy. ¹⁷Anakilahy Gersona rey le i Libny noho Simey. ¹⁸Anakila Kehata rey le i Amrama, Jizara, Hebrona, sady i Oziela. Niay zisiky amy ty faha telo amby telopolo amby zato taony i Kehata. ¹⁹Anakilahy Merary rey le i Maly noho Mosy. Rozy ro nanjary razambe ty foko i Levita, miaraky amy tarihany.²⁰Le nanambaly an'i Jekebeda i Amrama, anabavy ty babany. Niteraky an'i Arona noho i Mosesy taminy ie. Niay 137 tao i Amrama le maty bakao. ²¹Anakilahy Jezara rey le Nafega, noho i Zikry.²²Anakilahy Oziela rey le i Misaela, Elzafana, sady i Sitry.²³Nanambaly an'i Elozeba i Arona, anak'ampela Aminadaba, anabavy Nasona. Niteraky an'i Nadaba, Abiho, Eleazara, sady i Itamara taminy ie.²⁴Anakilahy Kora rey le i Asira, Elkana, sady i Abiasafa. Rozy ro razambe ty foko ty Koraita. ²⁵Eleazara, anaky Arona, nanambaly ty raiky tamy anak'ampela i Potiela. Niteraky an'i Fineasa taminy ie. Rozy ro loha ty longo tamy Levita rey teo, miaraky amy ty tarihany rey.²⁶hilahy roe rey le i Arona noho Mosesy ze nivolan'Yaveh hoe: "Andeso miala ty tany Egypta Israelita rey, amy ty alala ty lahilahy lako mpialy." ²⁷Arona noho Mosesy nivola tamy Farao, manjaka Egypta, mba hanenga androzy hampiboaky Israelita rey baka Egypta ao. Azy Mosesy noho Arona iny avao rey.²⁸Lafa nivola tamy Mosesy tany ty tany Egypta ao Yaveh, ²⁹le hoy Ie taminy hozao: "Zaho ro Yaveh. Volano amy Farao, mpanjaka Egypta, ze iaby hovolany amina." ³⁰Fa Mosesy nivola tamy Yaveh hozao: "Tsy le mahay mivola zaho, la nanino ro hijanjinanao i Farao ahy?"

Chapter 7

¹Hoasa Yaveh tamy i Mosesy hozao: "Ingo, nanao anao manahaky ty Njanahary ho an'i Farao Zaho. Arona rahalahinao ro ho mpaminaninao. ²Iha ro hivola ty raha iaby ze hibekoako anao ho safanao. Hiresaky amy Fokoa i Arona rahalahinao mba hanengany ty olo lakon'Israely hiala amy ty taniny. ³Fa hampahery ty fo Farao zaho, sady zaho hampiseho famantara ty heriko lako, noho fahatsereha lako, amy ty tany Egypta any. ⁴Nefa tsy hijanjy anao i Farao, laha zay le hametsaky ty tanako a-Egypta ao zaho sady hampiboaky lahilahy mpialy lako rey, ty olo lakoko, noho anak'Israely rey, hiala ty tany Egypta amy ty sazy bevata. ⁵Le ho hay ty Egyptiana fa zaho ro Yaveh lafa Hanalemy ty tanako amy Egypta noho hanafaky Israelita rey tsy ho amin-drozy eo Zaho." ⁶Le nanao manahaky zay i Mosesy noho Arona; manahaky ze nibekoa Yaveh androzy. ⁷Valopolo tao i Mosesy, sady valopolo telo amby tao i Arona lafa niresaky tamy i Farao ndrozy. ⁸Hoasa Yaveh tamy Mosesy noho tamy Arona hozao: ⁹"Lafa mivola aminao Farao hoe: 'Mananova fahatsereha,' le hivola an'i Arona iha hoe: 'Rambeso ty tehinao sady atoraho aloha Farao eo, mba hanjary bibilava zay.'" ¹⁰Le nanao amy Farao any i Mosesy noho Arona, sady nanao manahaky ze nibekoa Yaveh rey ie. Natoraky Arona taloha Farao eo noho mpiasany rey azy tehiny iny, ka le nanjary bibilava zay. ¹¹Nikaihy Farao avao koa olo hendriny rey noho mpanao aoly rey. ka le nanao manahaky zay koa ndrozy tamy ty alala ty aolin-drozy. ¹²Nanoraky ty tehiny ty lahilahy kirai-draiky, sady nanjary bibilava tehy rey. Nefa natety ty tehy Arona ty bibilavan-drozy. ¹³Nihamahery ty fo i Farao, sady nijanjy ie, manahaky ty fa nivolany Yaveh taloha. ¹⁴Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Mahery ty fo Farao, sady tsy manenky ty handeha olo lako rey. Mandehana mbo maray amy Farao any lafa miboaky ho andrano any ie. ¹⁵Mijanona amy ty amoro ty renirano eny mba hotojiky aminy, sady rambeso an-tana eny azy tehy ze nivaliky bibilava iny. ¹⁶Volano ie hozao: 'Yaveh, Njanahary Hebreo rey, to fa nandefa ahy aminareo atoy hivola hoe: 'Engaho ty oloko handeha, mba hanompoa ndrozy ahy anm-baliky any. Fa tsy nijanjy iha zisiky amy zao.'" ¹⁷Zao ro volany Yaveh: "Amy zao ro hahazanao fa zaho ro Yaveh. Hamango ty renirano i Neily amy ty tehy ze an-tanako eto zaho, ka le hivaliky lio ty renirano. ¹⁸Ty fia ze anainy renirano ao le ho maty, sady le haimbo ty renirano. Tsy ho afaky ty hino ty rano baka amy ty renirano Egyptiana rey." ¹⁹Sady hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: " Volano i Arona hozao: 'Rambeso ty tehinao sady amparo miarakany amy ty tananao amy ty rano Egypta eo, sady amy reniranon-drozy eo, rano mandeha rey, ty farihy, noho ty dobo ndrozy iaby, mba hivaliky lio rano rey. Anovo zay mba hisy lio mameno ty tany Egypta iaby, ndra amy ty fipetrahan-kazo noho vato ao aza.'" ²⁰Nanao manahaky ze nibekoa Yaveh i Mosesy noho Arona. Nanonjotsy ty tehiny Arona sady nivangoany azy rano tamy ty renirano eny iny, tamaso Farao noho mpiasany eo. Sady nivaliky lio ty rano iaby tamy ty renirano teny. ²¹Maty fia tanay renirano tao rey, sady nanomboky naimbo ty renirano. Tsy afaky nino rano baka amy ty renirano ao Egyptiana rey, sady atsiky lio mameno tany Egyptiana. ²²Fa nanao manahaky zay tamy aolin-drozy avao koa mpanao aoly Egypta. Ka le nihamahery ty fo Farao sady nandà tsy hijanjy an'i Mosesy noho Arona ie, manahaky ze fa nivolany Yaveh fa hiseho. ²³Le nitoliky i Farao sady nimpoly tan-tsanony ao. Tsy nidareany koa zay. ²⁴Nandavaky rano hinomy nanodidy ty renirano Egyptiana iaby rey, nefa tsy afaky mino ty rano ty ony ndrozy. ²⁵Fito andro ro lasa tafara ty namangoa Yaveh ty renirano.

Chapter 8

¹Sady Yaveh nivola tamy Mosesy hozao: "Mandehana amy Farao any sady volano ie hoe: 'Ia ro volany Yaveh: "Engaho ty olo lakoko handeha mba ahafahan-drozy manompo ahy. ²Laha tsy manenga androzy handeha iha, le hampijaly ty firenea iaby amy ty tsaboketsa Zaho. ³Ho atsiky tsaboketsa ty an-tsanonao, ty efitsano firoroanao, noho ty kitselinao. Ho amy ty tsano mpiasanao rey any. Ho amy ty olonao rey any, ty laforonao, sady lovia jobo fananova mofo. ⁴Hanafiky anao, ty olo lakonao, sady ty mpiasanao iaby tsaboketsa rey." ⁵Hoasa Yaveh tamy i Mosesy hozao: "Volano i Arona hoe: 'Amparo anabo ty renirao eo, ty laka, noho dobo ty tananao rey noho ty tehinao, sady andeso hitety ty tany Egypta ty tsaboketsa." ⁶Le nampary Arona tamy ty rano Egypta eo ty tanany, ka le avy tsaboketsa rey sady nandrakotsy ty tany Egypta. ⁷Nefa nanao manahaky zay avao koa ambiasa tamy ty aolin-drozy rey: nanday tsaboketsa niakatsy ty tany Egypta ndrozy. ⁸Sady nikaiky an'i Mosesy noho Arona i Farao ka le nivola hozao: "Mivavaha amy Yaveh mba hangalaky ty tsaboketsa amiko noho amy olo lakoko rey eto. Le hanenga ty olo handeha zaho, mba hafahan-drozy manao soro ho Azy." ⁹Hoasa Mosesy tamy Farao hoe: "Iha le mana fahefa hivola amiko hoe ombia zaho ro tokony hivavaky ho anao, mpiasanao rey, sady tsaboketsa aminao eo rey noho ty longonao ka le hijano an-drano any avao. ¹⁰Farao nivola hozao: "Hamaray." Sady Mosesy nvola hoe: "Engao hanovy manahaky ty safanao zay, mba hahaizanao fa tsy misy manahaky an'i Yaveh, azy Njanaharinay iny. ¹¹Hiala aminao eo, ty tranonao, mpiasanao rey, sady olo lakonao rey ty tsaboketsa. Fa hijano amy ty renirano eo avao. ¹²Niboaky niala tamy Farao eo i Mosesy noho Arona. Sady Mosesy nikoraky maré tamy Yaveh mikasiky ty tsaboketsa ze nandesiny tamy Farao eo. ¹³Sady Yaveh nanao manahaky ze nangatahy Mosesy: maty tamy tsano rey ao, tokotany, noho baibo tsaboketsa. ¹⁴Navory olo lako nitsitokotoko rey, ka le naimbo ty tany. ¹⁵Lafa nahita Farao fa nisy fienena, le nanoviny mahery ty fony sady tsy nijanjy an'i Mosesy noho Arona ie, manahaky ty nivolan'Yaveh fa hanoviny. ¹⁶Yaveh nivola tamy Mosesy hozao: "Volano i Arona hoe: 'Amparo ty tehinao sady vangò ty lemboky amy ty tany eo, mba ho avy moky mameno ty tany Egypta iaby." ¹⁷Nanao manahaky zao ndrozy: Nanonjotsy Arona ty tanany noho ty tehiny. Nivangoany ty lemboky tamy ty tany eo. Sady avy tamy ty olo eo ty moky noho ty biby. Avy moky iaby ty lemboky iaby nameno ty tany Egypta. ¹⁸Ambiasa rey le niezaky ty hampisy moky tamy ty aolin-drozy, fa tsy afaky ndrozy. Nisy moky tamy ty olo noho ty biby eo. ¹⁹Le hoasa ambiasa rey tamy Farao hoe: "Tanan-Janahary zao." Fa nihamahery koa ty fo Farao, ka le nandà ty hijanjy androzy. Zay le manahaky ty fa nivolan'Yaveh fa hanovy Farao. ²⁰Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Mifohaza marain-dray bibiky sady mitsangana aloha an'i Farao lafa aloha ho amy ty renirano any ie. Volano ie hozao: 'Zao ro nivolan'Yaveh: "Enganie ty oloko handeha mba hafahan-drozy manompo Ahy. ²¹Fa laha tsy enganao handeha ty oloko, le handefa andian-dalitsy aminao eo, mpiasanao rey, noho olonao rey, sady ze an-tranonao Aho rey. Ty tsano Egyptiana rey le ho feno andian-dalitsy, sady na ty tany ze hitsanganan-drozy aza le ho atsiky lalitsy. ²²Fa amy andro zay le handay ty tanin'i Gosena amy ty fomba hafa zaho, azy tany ze ipetsaha ty oloko iny, mba tsy hisy mpanjaka ty lanitsy any. Zay ro hiseho mba hahaizanao fa Zaho ro Yaveh anivo tany etoy. ²³Hanao fanafaha amy ty olo lakoko eo noho ty olo lakonao Zaho. Fahaiza ty heriko zay le hitsanga hamaray." ²⁴Nanao zay i Yaveh, ka le avy tan-tsano Farao noho mpanompony rey andian-danitsy bevata. mameno ty tany Egypta iaby, simba ty tany noho andian-danitsy rey. ²⁵Nampikaiky an'i Mosesy noho Arona i Farao ka le nivola hozao: "Mandeha, mananova soro ho an-Janaharinareo ao amy ty taninareo manoka." ²⁶Hoasa i Mosesy hozao: "Tsy maty aminay ty manao zay, fa soro ze anovanay ho an'i Yaveh Njanaharinay le mangoritsy ho an'i Egyptiana. Laha manao soro marina amason-drozy eo zahay ze mangoritsy an'i Egyptiana, tsy ho toharan-drozy vato va zahay?" ²⁷Aha, ty mandeha hatelohana manam-baliky any ro tsy maintsy hanovinay, mba hananovanao soro ho an'i Yaveh Njanaharinay, manahaky ty nibekoany anay." ²⁸Hoasa i Farao hozao: "Hanenga anareo handeha noho hanao soro ho an'i Yaveh Njanaharinareo ambalikany zaho. Fa engaho koa tsy handeha lavitsy bibiky nareo. Mivavaha ho ahy." ²⁹Hoasa i Mosesy hozao: "Vatany vo miboaky baka aminao ato zaho, le hivavaky amy Yaveh mba hialà ty andian-danitsy aminao eo, Farao, noho mpiasanao rey sady ty olo lakonao hamaray. Fa engaho iha tsy hamitaky sasy amy ty tsy hanenga ty olonay handeha hanao soro ho an'i Yaveh." ³⁰Niboaky baka amy Farao ao i Mosesy sady nivavaky tamy Yaveh. ³¹Nanovy Yaveh ze nangatahiny Mosesy: nangalaky ty andian-dalitsy tamy ty Farao eo, noho mpiasany rey, sady olo lakony rey Ie. tsy nisy ndra raiky aza sisa. ³²Nefa Nampahery ty fony koa i Farao tamy fotoa zay, sady tsy nanenga ty olo lako handeha.

Chapter 9

¹Le hoasa i Yaveh tamy i Mosesy hozao: "mamonjea an'i Farao sady volano ie hoe: 'Yaveh, Njanaharyny Hebreo, mivola zao: "Engao ty olo lakoko handeha mba hafahan-drozy manompo Ahy." ²Fa laha mandà ty hanenga androzy handeha iha, laha mbo mitandraky androzy iha, ³le ho amy ty biby haré am-baibo eo eny sady ho amy sovaly rey eo, ampondra, rameva, aomby, sady aondry noho aosy rey ty tana i Yaveh, sady hiteraky areti-mandoza zay.⁴ Samby hafa ro handaisa Yaveh ty biby harény Israely noho ty biby harény Egypta: tsy hisy ho maty ty biby ze an'i Israelita rey.⁵Fa nitingy fotoa i Yaveh; hoy le hozao: "Hamaray ro hananovako raha zay amy ty tany eo."⁶Nanovy Yaveh zay ty maray: maty ty biby harény Egypta iaby. fe tsy nisy maty koa biby Israelita rey, ndra biby raiky aza. ⁷Nanadihady i Farao, sady ingo, tsy nisy maty ndra raiky aza bibiny Israelita rey. Fa mahery fo ie, la le tsy nengany handeha olo lako rey.⁸Sady hoasa i Yaveh tamy i Mosesy noho Arona hozao: "Mangalà lavenoky feno tana baka amy laforo ao. Iha, Mosesy, ro tsy maintsy hanoraky lavenoky rey amy ty tsioky eny laha Farao manenty. ⁹Hanjary lemboky mitily mameno ty tany Egypta iby zay. Hahavy vay noho fery niboaky amy ty olo lako noho biby mameno ty tany Egypta iaby rey zay."¹⁰Ka le nangalaky lavenoky bakao amy laforo i Mosesy noho Arona sady nitsanga taloha i Farao. Le natorakiy Mosesy tamy ty tsioky eny ty lavenoky. Nahavy vay noho fery niboaky tamy olo noho biby azy lavenoky iny rey.¹¹Tsy natahotsy an'i Mosesy ambiasa noho vay rey, safe namango androzy noho Egyptiana hafa iaby rey ty vay. ¹²Nandraraky ty fo i Farao i Yaveh, ka le tsy nijanjy an'i Mosesy noho Arona i Farao. Zay le manahaky ty nivolan'Yaveh tamy Mosesy fa ho anovy Farao.¹³Sady hoasa i Yaveh tamy Mosesy hozao: "Mifohaza marain-dray bibiky, mitsangàna aloha Farao eo, sady volano ie hoe: "Yaveh, Njanahary ty Hebreo, nivola zao: "Engao ty olo lakoko handeha mba hafahan-drozy manompo Ahy rey." ¹⁴Fa amy fotoa zay le handefa areti-mandrava iaby amy ty vatanao rey, amy mpiasanao rey, noho amy olo lakonao rey Zaho. Hanoviko zay mba hahazanao fa tsy misy manahaky Ahy amy ty tany iaby.¹⁵Fa amy zao le afaky nanampatsy ty tanako sady namango anao noho ty olo lakonao tamy ty arety zaho, sady ho lany ritsy amy ty tany nareo eto. ¹⁶Fa zao ro antony nanengako anareo ho velo: mba hampitoroako aminareo ty heriko, mba hanambara ty anarako mameno ty tany iaby. ¹⁷Mbo nanonjotsy ty tanany manohitsy olo lakoko rey avao iha amy ty tsy hanenga androzy handeha. ¹⁸Janjino! Hamaray amy ty ora manahaky zao le handay havandra mivatsavatsa bibiky zaho, ze mbo tsy nisy manahaky hita ta-Egypta eto sisiky amy ty niboaha ty andro zisiky amy zao. ¹⁹Amy zao le, maniraha lahilahy sady avorio biby haré noho ty raha iaby anananareo am-baibo eny rey ho amy ty toera azo antoky. Ty olo iaby noho ty biby ze am-baibo eny sady tsy nandesy noly---hilatsaky amin-drozy eo ty havandra, sady ho maty ndrozy."²⁰Sady mpiasany Farao rey ze nino ty hafats'Yaveh le nanday malaky mpanompo rey noho biby harén-drozy rey nana an-tsano any.²¹ Fa ze tsy nandramby rey ty hafats'Yaveh ampifeheza le nanenga mpanompo noho ty biby harén-drozy tam-baibo eny.²²Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Amparo manan-danitsy any ty tananao mba hisia ty havandra amy ty tany Egypta iaby, amy ty olo lako, amy ty biby, sday amy ty raha mitiry iaby am-baibo eny mameno ty tany Egypta iaby." ²³Nanampatsy ty tehiny nana amy ty lanitsy any i Mosesy, sady Yaveh nandefa hotsoky, havandra, helatsy tamy ty tany. Nandatsaky havandra tamy ty tany Egypta avao koa Ie. ²⁴Sady le nisy havandra noho helatsy miharo havandra, nahery maré, ze mbo tsy nisy tamy ty tany Egypta zisiky amy ty naha firenea azy.²⁵Nameno ty tany Egypta iaby, namango ty raha iaby tam-baibo any, sady ty olo noho biby ty havandra rey. Namango ty raha-mitiry iaby tam-baibo any sady nanapaky hazo rey zay. ²⁶Tamy ty tany Gosena any ao avao, ze nipetsaha Israelita rey, ro tsy nisy havandra.²⁷Sady Farao naniraky lahilahy hikaiky an'i Mosesy noho Arona. Hoy ie tamy rozy hoe: "Fa nanota zaho amy zao. Yaveh le marina, sady zaho noho ty olo lakoko le raty fanahy. ²⁸Mivavaha amy Yaveh, safe lako maré ty varatsy mahery noho ty havandra. Hengako handeha nareo, sady tsy hijano eto sasy nareo."²⁹Hoy Mosesy taminy hozao: "Laha vatany vo miala amy tanà toy eto zaho, hasondrotsiko amy Yaveh any ty tanako. Hijano ty hotsoky, sady tsy hisy havandra sasy. Zay ty fomba hahazanao fa an'Yaveh ty tany. ³⁰Fa ty aminao noho mpiasanao rey, haiko fa tsy mbo tena manome voninahitsy an'Yaveh Njanahary nareo."³¹Le simba ty rongony noho ty vary hordea, fa ty vary hordea le masaky am-potony, sady namony ty rongony. ³²Fa ty varim-bazaha noho ty apemby le tsy nanino safe le fa vokatsy tafara tatoy rey. ³³Lafa niala an'i Farao noho ty tanà i Mosesy, le nasondrony ho amy Yaveh ty tanany; nijano ty hotsoky noho ty havandra, sady tsy nilatsaky sasy ty ora. ³⁴Lafa hita Farao fa nijano ty ora, ty havandra, sady ty hotsoky, le nanota ndraiky ie sady nampahery ty fony, niaraky tamy mpiasany. ³⁵Nihamahery ty fon'i Farao, ka le tsy nanenga ty olo lakon'Israely nandeha ie. Zay le nanahaky ty nivolan'Yaveh tamy Mosesy fa hanovy Farao.

Chapter 10

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Mandehana amy Farao any, fa natako mahery ty fony noho ty fo mpiasany rey. Nanoviko zay mba hanehoa famantara ty heriko rey amin-drozy eo. ²Nanoviko avao koa zay mba hanambaranao amy anakinao rey noho zafikelinao ze raha vitako, ty fahery ty fomba nandaisako an'i Egypta, noho ty fomba nanomezako famantara ty heriko isan-karazany tamin-drozy eo. Amy fomba zay ro hahaizanao fa Zaho ro Yaveh." ³Ka le nana amy Farao any i Mosesy noho Arona ka le nanao taminy hozao: "Yaveh, Njanahary Hebreo iny rey, le nivola zao: 'Fangirifiria ro handananao tsy hanetsim-bata anilako eo? Engaho handeha ty oloko mba hanompoan-drozy Ahy. ⁴Fa laha mandà tsy handefa ty oloko iha, le ingo, hahavy galala amy ty taninao ao Zaho hamaray.' ⁵Handrakotsy ty tany iaby rey ka tsy hisy afaky hahita ty tany. Hihina ze sisa nengàny ty havandra rey. Hihina ty hazo iaby am-baibo eny ze maniry ho anao avao koa rey. ⁶Hameny tranonao rey, noho ty tsano mpiasanao rey, sady ty an'Egypta iaby rey ty razanao, tsy mbo fahita zisiky amy andro naha-teto anabo ty tany ndrozy ka le zisiky amy zao.'" Bakeo le nanjary Mosesy ka le niala tamy Farao eo. ⁷Hoy mpiasa Farao rey taminy hozao: "Zisiky ombia lahilahy io ro ho fampitahora ho antsika? Engao handeha Israelita rey mba hanompoan-drozy an'Yaveh Njanaharin-drozy. Tsy mbo hitanao fa rava va Egypta? " ⁸Le nandesinao tamy Farao any ndraiky Arona noho Mosesy: "Mandeha manompo an'Yaveh Njanaharinareo. Fe ia iaby olo handeha rey?" ⁹Hoasa Mosesy hozao: "Handeha hiaraky amy ty tanora noho ty antitsinay zahay, miarakany amy ty anakilahy noho anak'ampela. Handeha hiaraky amy aondry noho aosy noho aombinay zahay, safe tsy maintsy manao fifalefalea ho an'Yaveh. " ¹⁰Hoy Farao tamin-drozy hoe: "Hitahy anareo vatany lahy Yaveh, laha handefa anareo noho ty anakinareo zaho. Ingo, mana say-raty nareo. ¹¹Aha! Mandehana, ty lahilahy aminareo eo avao, ka le manompoa an'Yaveh, safe ro ilanareo." Le nandesy niboaky tanila Farao eo Mosesy noho Arona. ¹²Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "amparo amy ty tany Egypta ty tananao ho ahy galala rey, mba hanafiha ty tany Egypta rey ka le hihina ty raha-mitiry amy zay ao, ty raha iaby ze sisa tsy toro ty havandra. " ¹³Le nanampatsy ty tehiny tamy ty tany Egypta Mosesy, ka le nanday tsioky baka antinana any tamy ty tany Egypta Yaveh anay ty andro noho haly iny. Noho maray, le nandesy ty tsioky baka antinana any galala rey. ¹⁴Nandeha nameno ty tany Egypta iabiaby rey galala ka le nameno ty faritsy iaby tamy zay ao. Tsy mbo nisy andia-galala manahaky zay tamy tany taloha iny ao, sady tsy hisy raha manahaky toy ho avy afara toy. ¹⁵Nandrakotsy ty tany raiky iaby ka le maiky ty tany rey. Nihaniny iaby ty raha-mitiry tamy tany ao iny noho ty voankazo iaby amy ty hazo eny ze sisa nengà ty havandra. Nameno ty tany Egypta iaby, le tsy nisy tafajanona raha-maintso, na hazo na raha-mitiry tam-baibo eny. ¹⁶Bakeo Farao le nampikaiky malaky an'i Mosesy noho Arona ka le nanao hozao: "Nanota tamy Yaveh Njanaharinareo noho taminareo zaho. ¹⁷Ka le amy zao, manengà ty heloko amy fotoa zao; sady mivavaha amy Yaveh Njanaharinareo mba hangalany amiko fahafatesa toy." ¹⁸Ka le niboaky baka amy Farao ao i Mosesy sady nivavaky tamy Yaveh. ¹⁹Nanday tsioky mahery maré baka andrefa any Yaveh ze nandaisa galala rey ka le nanamarina rey ho amy ty Riaky Mena any; Tsy nisy na galala raiky aza tavela tamy ty fari-tany Egypta iaby ao. ²⁰Fa nampaherezy Yaveh ty fo Farao, ka le tsy nengà Farao handeha Israelita rey. ²¹Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Amparo mana amy ty lanitsy any ty tananao, mba hisy haiky amy ty tany Egypta eo, haiky ze azo tsapà. " ²²Nanampatsy ty tanany nana amy ty lanitsy any Mosesy, ka le nisy haiky matevy tamy ty tany nameno an'i Egypta eo anay ty telo andro. ²³Tsy nisy nifankahita ty olo; tsy niboaky tan-tsanony anay ty telo andro. kanefa, le nana fahazavà koa Israelita rey tamy ty toera nipetsahan-drozy teo. ²⁴Nampikaiky an'i Mosesy i Farao ka le nanao hoe: "Mandehana manompo an'Yaveh. Afaky mandeha miarakany aminao na ty longonao aza, fa aondry noho aosinao noho aombinao rey koa le tsy maintsy hajanonao." ²⁵Fa hoasa Mosesy hozao: "Tsy maintsy hameanao biby hanovy soro noho fanomeza oroa avao koa zahay mba hananovanay soro androzy ho an'Yaveh Njanaharinay. ²⁶Tsy maintsy miarakany aminay avao koa biby harénay rey; ka le tsy hisy hengà na le kitso raiky amy rey aza, fa tsy maintsy andesinay hanompoa an'Yaveh Njanaharinay rey. Safe tsy hainay hoe amy ty ino ro tsy maintsy hanompoanay an'Yaveh zisiky hiavianay any. ²⁷Fa nampaherezy Yaveh ty fo Farao, ka le hanenga androzy handeha ie. ²⁸Hoy Farao tamy Mosesy hozao: "Mialà amiko! Fa miembena amy ty raha raiky, le ty tsy hahitanao ahy sasy, safe amy ty andro hahitanao ty tarehiko, le ho maty iha." ²⁹Hoy Mosesy hozao: "Vita volanao mihintsy. Tsy hahita ty tarehinao sasy zaho."

Chapter 11

¹Le hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Mbo misy arety mandrava raiky ze handesiko amy Farao noho Egypta. Afara ze, le hanenga anareo handeha hiala eto ie. Lafa manenga anareo ie ty farany, le handroaky anareo tanteraky. ²Atoro lala ty olo lako fa ty lahilahy noho ty ampela iaby le hangataky rojo volafoty noho rojo volamena amy ty mpiaraky mipetsaky aminy. ³Sady nanovy Yaveh nila fitea tamyv'Israelita rey ty Egyptiana. Sady koa, Mosesy le azy lahilahy tena mahatseriky tamaso mpiasan'i Farao rey eo iny noho olo lakon'Egypta. ⁴Hoasa Mosesy hozao: "Zao ro volan'Yaveh: 'Miodidy ty sasak'aly le hamakivaky an'i Egypta zaho. ⁵Anakilahiny velohany iaby amy ty tany Egypta ao any rey le ho maty, manomboky amy ty anakilahy Farao velohany, ze mipetsaky amy ty seza fipetrahany eo, ka le zisiky amy ty anakilahy mpiasa ampela velohany ze ambaliky ty fikosoham-bary mandisa zay ao, sady zisiky amy ty velohan-teraky ty biby haré iaby. ⁶Le hisy fidradradradrà bevata mameno ty tany Egypta iaby, ze tsy mbo nisy manahaky zay sady tsy hisy sasy zay. ⁷Fa na le ty alika aza le tsy hivovo ndra Amin'ia ndra amin'ia amy ty olo lakon'Israely, ndra amy ty olo ndra amy biby. Amy fomba zay ro hahazanao fa samby hafa ty fandaisako ty Egyptiana noho ty Israelita.' ⁸Mpiasanao rey iaby, Farao, le hijotso amiko atoy sady hiondriky amiko eto. Hivola ndrozy hozao: "Mandehana, iha noho olo lako ze manaraky anao rey!' Afara zay le hiboaky zaho." Le niboaky tamy Farao ao tan-keloky maré ie. ⁹Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Tsy hijanjy anao i Farao. Zay ro mba hananovako raha-mahatseriky lako amy ty tany Egypta eo." ¹⁰Nanovy Mosesy noho Arona taloha Farao eo ty raha mahatseriky iaby rey. Fa Yaveh nampahery ty fo i Farao, ka le tsy nanenga ty olo lakon'Israely niboaky ty taniny i Farao.

Chapter 12

¹Yaveh nivola tamy Mosesy noho Arona tamy ty tany Egypta ao. ²Hoy ie hozao: "Ho ahy nareo, vola toy noho fiboaha vola rey, le ty veloha ty vola amy ty tao ho ahy nareo. ³Volano my ty fiangonan'Israely hozao: 'Amy ty andro fahafolo ty vola toy ndrozy le tsy maintsy mangalaky aondry na anak'aosy iaby hoan-drozy, ty longo kirai-draiky le samby hana zay, anak'aondry kirai-draiky ty longo. ⁴Laha tsy ampy bibiky ka le galaxy anak'aondry raiky ty longo raiky, ty lahilahy noho ty miharo rindry tsano raiky miarakany aminy le tokony hangalaky ty henananak'aondry na anak'aosy ze ampy hohany ty isam-batan'olo. Tokony ho ampy hohany iaby zay, noho zay ndrozy le tsy maintsy mangalaky hena tokony haharitsy azy iaby. ⁵Tsy tokony hisy hanja mihintsy ty anak'aondry na ty anak'aosinareo, lahy herintao. Afaky mangalaky raiky amy aondry rey na aosy nareo. ⁶Tsy maintsy karakara soa zay zisiky hiavia ty andro faha folo efatsy amby io. Sady tsy maintsy mamono biby rey ty fiangonan'Israely iaby amy ty takariva. ⁷Tsy maintsy mangalaky ty ilany amy ty lio nareo sady mampipetsaky zay amy ty tataom-baravara ty tsano eo amy ze hihinananareo ty hena ao. ⁸Tsy maintsy hohaninareo amy haly hena io, Lara natono aloha tamy ty afo. Hano miarakany amy ty mofo tsy masira, miarakany amy ty hanitsy mafaitsy zay. ⁹Mba ka hany manta na ampandevazy amy ty rano zay. Fa koa, atonó amy ty afo miarakany amy ty lohany, ty tombony sady anainy ao. ¹⁰Tsy tokony henganao ho tsatsy ty maray ty ambiny zay. Tsy maintsy oronareo ze sisa tavela amy ty maray. ¹¹Zao ro fomba tsy maintsy hihinananareo zay: mifehy ty sentiranareo, ty kapanareo amy ty tombonareo eny, sady ty tehy an-tananareo eny. Tsy maintsy mihina malaky zay nareo. Zay ro Paska Yaveh. ¹²Zao ro volany Yaveh: Handeha hamakivaky ty tany Egypta Zaho amy haly toy ka le handrava ty velohan-teraky ty olo noho ty biby iaby amy ty tany Egypta ao. Handay sazy ho an-Janahary Egypta iaby Zaho. Zaho ro Yaveh. ¹³Ty lio ro hofahaiza amy ty tsanonareo eo ty amy ty hiaviako aminareo ao. Lafa mahita ty lio Zaho, le handalo aminareo eo avao lafa handrava ty tany Egypta. Tsy ho aminareo ao ka le handrava anareo ty loza. ¹⁴Ho andro fahatiarova ho anareo andro io, ze tsy maintsy ho embenanareo ho fifalefalea ho an'i Yaveh. Ho lalà ho anareo zisiky ty hariva, amy ty tariha ty olo lakonareo, fa tsy maintsy miemby andro zay nareo. ¹⁵Hihina mofo tsy masira nareo anay ty fito andro. Amy ty andro velohany nareo le hangalaky ty lalivay an-tsanonareo ao. Ndra ia ndra ia mihina mofo tsy masira amy ty andro velohany zisiky hiavia ty andro fahafito, olo zay ro tsy maintsy halà ao Israely. ¹⁶Amy ty andro velohany le hisy goropy ze atoka ho Ahy, sady amy ty andro faha fito le hisy asa hanovy amy andro zay, lafa-tsy ty miketsiky hany hohany iaby. Zay avao ro asa azonareo anovy. ¹⁷Tsy maintsy embenanareo andro ty Fankalaza ty Mofo tsy misy lalivay io safe Amy andro io ro nandaisako ty olonareo, isan-tokony iaby, hiala ty tany Egypta. Ka le tsy maintsy embenanareo amy ty tariha ty olo andro zay. Ho lalà ho ahy nareo zisiky farany zay. ¹⁸Tsy maintsy mihina mofo tsy misy lalivay nareo manomboky amy ty takariva ty andro faha folo efatsy amby amy ty vola veloha ty tao, zisiky hiavia ty takariva ty andro faha ropolo raiky amby vola. ¹⁹Anay ty andro fito rey, le tsy tokony hisy lalivay hita mihintsy an-tsanonareo ao. Ze iaby mihina mofo misy lalivay le ho alà amy ty goropin'Israely, ndra vahiny olo zay ndra olo teraky amy ty taninareo eo. ²⁰Tsy tokony hihina raha misy lalivay mihintsy nareo. Ndra ia ndra ia hipetrahanao, le tsy maintsy mihina mofo tsy masira." ²¹Sady nikaiky ty olon'Israely iaby i Mosesy ka le nivola tamin-drozy hozao: "Mandehana sady mitingina aondry na anak'aosy ze ampy hamahana ty longonareo ka vono ty anak'aondry ty Paska. ²²Bakeo le mangalaky rantsa hysopa sady atsoboho anay ty lio ao ze anay koveta ao zay. Hosoro amy ty tolàm-baravara roe noho tataom-baravara ty lio ze tanay koveta ao. Tsy misy ndra ia ndra ia mahazo miboaky ty tsanony zisiky ty hiavia ty maray. ²³Safe Yaveh le handalo mba handrava Egyptiana rey. Lafa mahita ty lio amy ty tataom-baravara noho ty tolàm-baravara roe Ie, le handalo avao amy ty varavarinareo sady tsy hanenga ty mpandrava hilitry an-tsanonareo ao mba hamango anareo. ²⁴Tsy maintsy embenanareo fotoa zay. Ho lalà mandrakariva ho anareo noho ty tarihanareo zay. ²⁵Lafa hilitry ty tany ze hamea Yaveh anareo nareo, manahaky ze fa nampanantenany hanoviny, le tsy maintsy hiemby fomba fivavaha zay nareo. ²⁶Lafa manontany anareo ty anakinareo hozao: 'Ino ro lintan-kazo fomba fivavaha zao?' ²⁷le tsy maintsy hivola nareo hoe: 'Soro Paska Yaveh zao, safe nandalo tamy ty tsano Israelita rey ta Egypta ao Yaveh lafa namango an'i Egyptiana. Nanafaky ty longony Ie.'" Le niondriky ty olo lako ka le nanompo an'Yaveh. ²⁸Nandeha Israelita rey ka le nanao manahaky ze nibekoa Yaveh an'i Mosesy noho Arona. ²⁹Sady tamy ty sasak'aly le narava Yaveh ty velohan-teraky iaby tamy ty tany Egypta ao, nanomboky tamy ty anakilahy velohany Farao, ze nipetsaky tamy ty seza fipetrahany eo, zisiky amy ty anakilahy velohany azy olo tan-tsanomaiky any iny mbamy ty velohan-teraky ty biby haré iaby. ³⁰Nifoaha i Farao lafa haly--ie, mpiasany iaby rey, sady ty Egyptiana iaby. Nisy fitania maré ta Egypta ao, safe tsy nisy tsano ze tsy nisy maty tanainy ao. ³¹Nikaiky an'i Mosesy noho Arona i Farao ty alitara sady nivola hozao: "Mitsangana, mialà amy ty olo lako eo, nareo noho Israelita rey. Mandehana, manompo an'Yaveh, manahaky ze nambaranareo fa teanareo hanovy. ³²Andeso ty aondry noho ty aosinareo noho ty aombinareo, manahaky ze nivolaninareo, sady mandehana, ka le tsipazo rano avao koa zaho."

³³Tanay ty haiky tanteraky ao ro nandroaha Egyptiana androzy hiala ty tany, safe hoasan-ndrozy hozao: "ho maty iaby tsika iaby."³⁴Ka le nangalaky ty koba tsy misy lalivay ty olo lako. Fa nifehy amy ty akanjon-drozy ao noho amy ty sorokin-drozy ty finga fihinana. ³⁵Sady nanao manahaky ze nivolany Mosesy androzy ty olo lakon'Israely. Nangataky volafoty, volamena, sady akanjo tamy Egyptiana ndrozy rey. ³⁶Nanovy Yaveh nila sitsaky tamy Egyptiana ndrozy iaby ze iaby nangatahin-drozy.Tamy fomba zay ro nandravà Israelita an'i Egyptiana rey.

³⁷Nandeha baka Ramesesy any nana Sokota any Israelita rey. Eo ho eo amy ty 600.000 lahy ndrozy ro nandeha tomboky, niampy aja ampela rey.³⁸ Olo lako nifangaro ze tsy Israelita avao koa ro nandeha niaraky tamin-drozy, niaraky tamy ty aondry noho aosy noho aomby, sady biby haré lako bibiky. ³⁹ Nanao mofo tsy misy sira tamy ty koba ze nandesiny baka Egypta any ndrozy. Tsy nisy masira zay safe niroahiny baka Egypta ao ndrozy ka le tsy afaky nitaraiiky tamy ty fikarakarà hany. ⁴⁰430 tao ro niaina Israelita rey ta Egypta ao. ⁴¹Tamy ty hafarà ty 430 tao, tamy andro zay avao, ro nialà antoko Yaveh rey iaby tamy ty tany Egypta ao. ⁴²Haly tsy firoroa haly io, safe Yaveh ro nanday androzy hiala ty tany Egypta. Zay ro halin'Yaveh ze tokony ho embena Israelita iaby rey zisiky amy ty tariha ty olo lakon-drozy.⁴³Hoasa Yaveh tamy Mosesy noho: "Toy to fitsipiky amy ty Paska: tsy misy vahiny mana anjara amy ty fihinana zay. ⁴⁴Nefa, ty andevo ty Israelita iaby, ze nivilin-dràla, le afaky mihina lafa baka nisavarinareo ie. ⁴⁵Vahiny rey noho mpanompo rey nokarama le tsy mahazo mihina amy ty hany. ⁴⁶Ty iaby le tsy maintsy hohany an-tsano ao. Tsy tokony handay ty hena ambaliky tsano nareo any, sady tsy tokony hanapaky taola amy zay mihintsy. ⁴⁷Tsy maintsy iemby ty fifalefalea iaby ty fiaraha-mipetsaky Israely iaby. ⁴⁸Laha misy vahiny miaraky-mipetsaky aminareo ka le te-hiemby ty Paska Yaveh, le tsy maintsy savary iaby longony lahilahy iaby rey. Sady afaky avy ie ka le miemby zay. Ndra zay aza, le tsy misy olo tsy voasavatsy afaky mihina amy ty hany.⁴⁹Lalà zay sady hahazo amy ty teratany noho ty vahiny ze mipetsaky aminareo eo." ⁵⁰Ka le tena nanao manahaky ze nibekoa Yaveh an'i Yaveh an'i Mosesy noho Arona Israelita iaby rey.⁵¹ Sady tamy andro io avao ro nandaisa Yaveh ty isan-tokon'Israely niboaky ty tany Egypta.

Chapter 13

¹Nivola tamy Mosesy Yaveh sady nanao hozao: ²"Atokano ho ahy ty teraky velohany iaby, anakilahy velohany iaby amy Israelita ao rey, ndra olo ndra biby rey. Ahy velohan-teraky rey." ³Sady hoasa Mosesy tamy ty olo lako hozao: "Tiarovo noho ankalazao andro zao, le ty andro ze niboahanareo baka Egipta any, baka amy ty tsano fanandevoza ao, safe tamy ty tana mahery Yaveh ro nandaisany anareo niboaky bakao amy toera io any. Tsy misy mofo misy lalivay azo hany. ⁴Hiboaky an'i Egipta amy andro toy nareo, amy ty safan'Abiba. ⁵Lafa andesy Yaveh amy ty tany ty Kananita ao, Hitita, Amorita, Hivita, sady ty Jebosita, ty tany ze nitahiny tamy razanareo rey hameany anareo, le ty tany tondraky ronono noho tantely--- le tsy maintsy hiemby fomba fivavaha zay nareo amy vola io. ⁶Anay ty fito ndro le tsy maintsy mihina mofo tsy misy lalivay nareo; amy ty andro fahafito le hisy andro fifalefalea mba hanomeza voninahitsy an'Yaveh. ⁷Mofo tsy misy lalivay ro tsy maintsy hany anay ty fito andro; tsy tokony hisy mofo misy lalivay ndra raiky hita aminareo eo. Tsy misy lalivay tokony ho hita aminareo ao anay ty sisin-taninareo. ⁸Amy andro zay le hivola amy anakinao reo iha hozao: "Zay le noho ze nanovy Yaveh tamiko lafa niboaky tany Egipta zaho." ⁹Zay ro ho fahatiarova ho anareo amy ty tananareo eo, sady fampahatiarova amy ty handrinareo eo. Zay ro mba ho am-bavanareo ty lalà Yaveh, fa tamy ty tana mahery Yaveh ro niemby anareo niboaky baka Egipta ao. ¹⁰Noho zay le tsy embenanareo lalà amy ty fotoa fa voatingy isan-tao isan-tao toy. ¹¹Lafa manday anareo amy ty tany Kananita rey ao Yaveh, manahaky ty niainany taminareo noho razanareo rey fa ho anovy, sady lafa manome ty tany ho anareo Ie, ¹²le tsy maintsy hanoka ho Azy ty aja velohan-teraky iaby noho ty velohan-teraky bibinareo rey. Sady ho an'Yaveh lahilahy rey. ¹³Velohan-teraky ty boriky iaby rey le tsy maintsy heavily anak'aondry. Laha tsy mampimpoly mivily zay iha, le tsy maintsy manapaky ty vozony. Fa anakilahy velohany aminareo eo rey---le tsy maintsy ampolinao vily. ¹⁴Laha manontany anao ty anakilahinao afara any hozao: "Ino rolintan-kazo? " le ho volaninao azy hoe: "Tamy ty tana-maherin'Yaveh ro nandaisany anay niboaky baka Egipta ao, tamy ty tsano fanasazia ao. ¹⁵Lafa nandà maré ty hanenga anay handeha i Farao, le nivono Yaveh ty velohan-teraky tamy ty tany Egipta ao, ty velohan-teraky olo lako rey noho ty velohan-teraky biny rey. Zay ro dikany anovako soro ho ahy Yaveh ty lahilahy velohan-teraky amy ty biby iaby, sady ty dikany hampimpoliako ty vily ty anakilahy velohany amy anako rey." ¹⁶Ho zary fampatiarova amy ty tananao eo, noho fampatiarova amy ty handrinao eo zay, fa tamy ty tana-mahery to nampiboaha Yaveh antsika baka Egipta ao." ¹⁷Lafa nanenga ty olo lako handeha i Farao, le tsy nitarikyandrozy tamy ty lala tamy ty tany Filistina rey Njanahary, na le mariny teo aza tany zay. Fa hoasan-Janahary hozao: "Vasa hiova hevitsy olo lako rey laha mandalo aly sady himpoly Egipta any." ¹⁸Fa nandesin-Janahary niodidy ty efitsy ty Riaky Mena olo lako rey. Niakatsy baka amy ty tany Egipta Isrraelita rey sady nivonoa ho amy ty aly. ¹⁹Sady nandesy Mosesy niarakany taminy ty taolam-balony Josefa, fa Jos3fa nitahy maré Israelita rey ka le nivola hozao: "Azo antoky fa hamonjy anareo Njanahary, sady tsy maintsy handay ty taolam-baloko miarakany aminareo nareo." ²⁰Nandeha baka Sokota ao Israelita rey sady nipetsaky ta Etama ao tamy ty sisiny ty tany efitsy eo. ²¹Yaveh nandeha talohan-drozy eo tamy ty andri-raho ao tamy ty atoandro mba hitariky androzy an-dala eny. Sady ty haliky Ie le nandeha manahaky andri-afo mba hanome azy fahazava. Tamy fomba zay ro nahafahan-drozy nandeha ty andro noho ty haliky. ²²Tsy naharary ty andri-raho ty atoandro na ty andri-afo ty haliky taloha olo Yaveh rey.

Chapter 14

¹Yaveh nivola tamy Mosesy ka le nanao hozao: ²"Ambarao amy Israelita rey fa tokony himpoly sady hipetsaky aloha Pi-Hahirota eo, anivo Migdola noho ty riaky eo, aloha Bahala-Zefona ndrozy. Tokony hipetsaky anila ty riaky mifanandrify amy Pi-Hahirota eo nareo. ³ Fa hivola ty amy Israelita rey i Farao hozao: 'Miriorio voa ty tamberintany Israelita rey. Tampy amin-drozy ty efitsy.' ⁴ampahery ty fo Farao Zaho, ka le hania androzy ie. Hahazo voninahitsy Zaho noho ty amy Farao noho ty tafiny iaby. Ka le ho hay Egyptiana rey fa Zaho ro Yaveh." Ka le nipetsaky manahaky ze natoron-drozy ty Israelita. ⁵ Lafa voaresaky tamy ty mpanjaka ty Egypta fa nilay Israelita rey, le namaliky ty sainy tamy ty olo lako i Farao noho mpiasany rey. Hoasan-drozy hozao: "Fa ino ty raha nanovintsika tamy ty fanengà an'Israely toy handeha an-kahalala tsy hanompo antsika?" ⁶Sady nanoma ty lalesany i Farao sady nanday ty tafiny niarakany taminy. ⁷ Nangalaky kalesa voatingy manoka enin-jato miampy kalesa Egypta hafa iaby rey ie, niarakany tamy ty manam-boninahitsy tamy iaby tao ie. ⁸Nampahery ty fo Farao, mpanjaka Egypta i Yaveh, ka le nania Israelita rey ty mpanjaka. Sady fa nandrary lavitsy tam-pahendrea ty Israelita. ⁹Fe nania androzy ty Egyptiana niarakany tamy ty sovaly noho ty kalesan-drozy iaby, mpiondra sovaly sady ty tafiny. Tsatsin-drozy nipetsaky amy sisin-driaky anila Pi-Hahirota eo, taloha Bala-Zefona eo Israelita rey. ¹⁰Lafa namonjy anila i Farao, le niandrandra Israelita rey sady taitsy. Nanao rodobe tafaran-drozy ty Egyptiana, ka le natahotsy ndrozy. Nikaiky maré an'Yaveh Israelita rey. ¹¹Hoasan-drozy tamy Mosesy hozao: "Safe va tsy misy lolo Egypta any, ro le nandesinao ho maty an-tany efitsy atoy zahay? Nanino ro nanovinao manahaky zao zahay, ka le nandesinao niala ta Egypta any?" ¹²Tsy zao va ro fa nivolaninay taminao ta Egypta any? Hoasanay taminao hoe: 'Engaho zahay amy zao, mba hafahanay miasa ho ahy ty Egyptiana.' Soa ho anay tokoa ty niasa ho ahy ty Egyptiana manahaky ze maty an'efitsy atoy.' ¹³y Mosesy tamy ty olo lako hozao: "Mba ka matahotsy. Mandinisa sady ho hitanareo ty famonjea ze hamean'Yaveh ho ahinareo henanio. Fa tsy ho hitanareo sasy Egyptiana ze hitanareo androany rey." ¹⁴Yaveh ro hialy ho anareo, sady handiny avao nareo. ¹⁵Sady hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Nanino iha Mosesy, ro mbo mikaiky Ahy avao? Volano Israelita rey mba handroso." ¹⁶Asondroto ty tehinao, amparo amy ty riaky eo ty tananao ka le zarao roe zay, mba hafaha ty olo lakon'Israely mamakivaky ty riaky amy ty tany maiky. ¹⁷ Tiarovo fa hampahery ty fo ty Egyptiana Zaho ka le hania androzy ie. Hahazo voninahitsy zaho noho ty amy Farao noho miaramilany rey, ty kalesa, sady ty mpiondra sovaliny iaby. ¹⁸Sady ho hahay Egyptiana rey fa Zaho ro Yaveh lafa nahazo voninahitsy noho ty tamy Farao, kalesany rey, sady mpiondra sovaliny rey Zaho. ¹⁹Ty anjelin-Janahary, ze nandeha taloha Israelita rey teo, le nifalo sady nana an-dambosin-drozy rey ao. Nifalo iaby talohan-drozy eo sady nana afaran-drozy ao ty andry raho. ²⁰Nandeha anivo ty toby ty Egypta eo noho ty Tobin'Israely azy andry raho iny. Raho mainty ho an'i Egyptiana zay, fe nanazava ty haliky ho an'i Israelita, ka le tsy nisy andaniny nana amy ty raiky hafa any zisiky ty haly. ²¹Nanampatsy ty tanany tamy ty riaky i Mosesy. Nampihemotsy ty riaky tamy ty tsioky mahery baka an-tinana any Yaveh tamy haly io ka le namaliky ty riaky ho tany maiky. Tamy zay ro nizara roe ty rano. ²² Nandeha tanivo ty riaky eny tamy ty tany maiky Israelita rey. Namoro rindry tankavana teo noho ankavian-drozy ty rano. ²³Nania androzy ty Egyptiana. Nania androzy nana anivon-driaky eo---sovaly rey, kalesa, sady ty mpiondra sovaly Farao iaby. ²⁴Fe vo marain-dray bibiky, le nanenty ty tafiky Egyptiana tamy ty andrin'afo eo noho raho i Yaveh. Nahavy horohoro tamy Egyptiana rey Ie. ²⁵Nihitsiky ty kalesa rey, sady nandeha tamim-pahasahirana mpiondra sovaly rey. Ka le hoasa Egyptiana rey ho zao: " Handeha tsika hilay an'Israely, fa Yaveh ro mialy amintsika ho androzy." ²⁶Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Amparo amy ty riaky eo ty tananao mba himpoly hidoboky amy Egyptiana rey eo, ty kalesan-drozy sady mpiondra sovaliny rey." ²⁷ Ka le nampary Mosesy tamy ty riaky eo ty tanany, sady nimpoly tamy velohany zay lafa avy ty maray. Nilay tamy ty riaky ao Egyptiana rey, sady nisintonin'Yaveh tanivon-drozy zay. ²⁸Nimpoly ty rano ka le nanaro kalesa rey, mpiondra sovaly rey sady tafiky iaby ze nanarakany ty kalesa tanay ty riaky ao rey. Tsy tafa-boaky velo. ²⁹Fe Israelita rey le nandia tany maiky tanivo riaky eo. Rindry iaby tan-tana ankavana noho ankavia ho androzy ty rano. ³⁰ ka le mamonjy an'Israely tamy ty tana ty Egyptiana i Yaveh tamy andro io, sady nahita faty Egyptiana tamy sisin-driaky i Mosesy. ³¹ Lafa nahita ty hery bevata nampiasa Yaveh hanohera ty Egyptiana ty Israely, le nanome voninahitsy an'Yaveh ty olo lako, sady nino an'Yaveh noho Mosesy mpisany ndrozy.

Chapter 15

¹Le nihira hira zao ho an'Yaveh i Mosesy noho ty olo lakon'Israely. Nihira ndrozy hozao: "Hihira hi an'Yaveh zaho, fa nandresy tamim-boninahitsy Ie; ty sovaly noho ty mpiondra zay ro Natorakiny tanay riaky ao.²Yaveh ro tanjakinao noho herinao, sady fa nanjary famonjea ahy Ie. Zay ro Njanahariko, sady hanompo Azy zaho, Njanahary ty razako rey, sady hanonjotsy Azy zaho. Yaveh ro mpialy; ³Yaveh ro anarany.⁴Nanoraky ty kalesa Farao noho ty tafiky tanay riaky ao Ie. Manam-boninahitsy rey voatingy Farao le nilentiky tanay Riaky Mena ao. ⁵Ty laliky nanaro androzy; le nilentiky tamy ty laliky any manahaky ty vato ndrozy.⁶Ty tananao ankavana, Yaveh, ro manam-boninahitsy amy ty hery; ty tananao ankavana, Yaveh, ro nanorotoro ty fahavalo. ⁷Tamy ty voninahitsy bevata ro nilavao ze nitsanga hanohitsy Anao rey. Nalefa ty helokinao; nadrava androzy manahaky ty lila zay. ⁸Tamy ty imbonay ty vavanoro ro nampamory rano rey; rano mirotsaky rey nitsanga mahity manahaky ty antontan-draha; ty rano laliky le nipitiky tamy ty fanambania ty riaky any.⁹Hoasa ty fahavalo: 'Hania zaho, hanambotsy zaho, hizara ze gadra zaho; ty faniriako le ho tanteraky amin-drozy; hampiboaky tyvmeso bevatako zaho; hampitoro androzy ty tanako.' ¹⁰Nitsioky tamy ty tsioky iha, ka le nandrakotsy androzy ty riaky; nilentiky manahaky ty firaky anay rano mahery ndrozy. ¹¹Ia ro manahaky Anao, Yaveh, amy njanahary rey eo? Ia ro manahaky Anao, manam-boninahitsy amy ty fahamasina, ameam-boninahitsy amy ty fanompoa, manao hatsereha?¹²Nanonjotsy ty tananao ankavana Iha, le nitely androzy ty tany. ¹³Tamy ty fanenkenao tsy mivaliky ro nitarihanao ty olo lako ze navotanao. Tamy ty tanjakinao ro nitarihanao androzy tamy ty toera masy ze nipetsahanao any.¹⁴Haharé olo lako rey, sady hangitikitiky ndrozy; hanambotsy olo ty Filistia ty horohoro. ¹⁵Le hatahotsy lehibe Edoma rey; maramila Moaba rey le hihozongozo; ty olo ty Kanana iaby le ho halamy.¹⁶Ty horohoro noho ty tahotsy le holavo amindrozy. Noho ty hery ty sandrinao, le hanjary hijano manahaky ty vato zisiky handalova ty olo lakonao ndrozy, Yaveh--- zisiky handalova olo lako narovanao rey.¹⁷Handay androzy sady hametsaky androzy am-bohitsy eny ty lovanao Iha, ty toera, Yaveh, ze fa nanovinao hipetsaha, ty fitoera masy, Tomponay, ze fa namboary ty tananao. ¹⁸Hanjaka zisiky farany doria Yaveh. ¹⁹Fa sovaly Farao rey le nandeha niaraky tamy kalesany rey noho mpiondra sovaliny anay riaky rey any. Nampimpoly ty rano ty riaky tamin-drozy i Yaveh. Nefa Israelita nandeha tamy ty tany maiky tanivo ty riaky eo rey. ²⁰Miriama azy tó-dresaky ampela iny, anabavy Arona, nangalaky ampongatapaky, sady ampela iaby niboaky niaraky tamy ty ampongatapaky rey, nisindraky nanoriky azy. ²¹Nihira tamin-drozy Miriama rey hozao: "Mihirà ho an'Yaveh, fa nandresy am-boninahitsy ie. Ty sovaly noho ty mpiondra zay le natorakiny tanay riaky ao."²²Le nitariky ty Israely nanomboky tamy ty riaky Mena eo i Mosesy. Niboaky baka amy ty efitsy i Sora ao ndrozy. Nandeha anay ty telo andro tan-efitsy any sady tsy nahita rano ndrozy. ²³Le avy ta Mara any ndrozy, neda tsy afaky nino ty rano tao safe nangily zay. Le nikaihin-drozy hoe Mara ty toera zay.²⁴le nitoreo tamy Mosesy olo lako rey sady nivola hozao: "Ino ro azonay inomy?" ²⁵Nikaiky maré an'Yaveh i Mosesy, sady nampiseho azy hazo raiky iny Yaveh. Nanoraky zay tanay ty rano ao i Mosesy, ka le nanjary azo inomy ty rano. Teo ro nanomeza Yaveh lalà mahery androzy, sady teo ro nanoharany androzy. ²⁶Hoy Ie: "Laha mijanjy soa ty feo Yaveh Njanaharinareo nareo, sady manao ze marina amasony eo, sady laha mitokilan-tsofy amy liliny rey ka le manenky lalàny iaby rey nareo--- le tsy misy anoviko aminareo arety ze nanoviko tamy Egyptiana rey, fa Zaho ro Yaveh ze manafaky anareo."²⁷Sady olo lako avy ta Elima any rey, ze nisy lohan-drano folo roa amby noho hazon-drofia fitopolo. Nipetsaky tanila ty rano rey eo ndrozy.

Chapter 16

¹Nanohy ty lian-drozy baka amy Elima any ty olo lako, sady ty goropy ty Israelita le avy amy ty tany efitsy Sina any, ze manelanela an'i Elima noho Sinay, tamy ty andro hafalimy tamy ty vola faharoe tafara ty filan-drozy baka amy ty tany Egipta ao. ²Nitoreo noho i Mosesy nouo Arona ty goropy ty Israelita iaby tan'efitsy any. ³Sady hoasa ty Israelita tamin-drozy hozao: "Laha mba maty ty tanan'Yaveh tamy ty tany Egipta any moa tsika tamy ty nipetsahantsika tanila valanin-kena rey teo ka le nihina mofo le vaky. Fa nandesinao niboaky ho amy ty tany efitsy toy any zahay mba hahafaty mosary ty goropinay iaby." ⁴Bakeo Yaveh nivola tamy ty Mosesy hozao: "Handatsaky mofo baka andanitsy any hi anareo Zaho. Hiboaky olo rey sady hamory ty ampy hohaniny isan'andro mba hafahako mitsapa androzy, hahitako laha handeha manahaky ty lalako ndrozy na aha. ⁵Sady amy ty andro faha eny, ndrozy ro hamory indroe mandilatsy amy ze fa navorin-drozy isan'andro aloha eo, ka le hiketsiky ze handesin-drozy." ⁶Bakeo le nivola tamy olo lakon'Israely i Mosesy noho Arona hozao: "Androany hariva le ho hainareo fa Yaveh ro nampiboaky anareo baka amy ty tany Egipta any. ⁷Ty maray le hahita ty voninahitsy nareo, fa le maharé ty fitorevanareo noho ty Aminy. Ia moa zahay ro le mampitoreo anareo?" ⁸Hosa Mosesy koa hozao: "Ho hainareo zay lafa hamean'Yaveh hena nareo hariva sady ty maray mba ho vintsy— Safe rény ty toreo ze ambaranareo noho ty Aminy. Mba ia moa zaho noho Arona? Tsy manohitsy anay ty fitorevanareo; fa manohitsy an'Yaveh." ⁹Mosesy nivola an'i Arona hozao: "Ambarao amy ty goropy ty olo lakon'Israely iaby hoe: 'Mamonjea anila Yaveh eo, fa rény ty fitorevanareo.'" ¹⁰Sady laha niresaky tamy ty goropy ty olo lakon'Israely iaby i Arona, le nanenty nariny ty tany efitsy ndrozy, sady ingo, niboaky tamin-drozy tamy ty raho eny ty voninahitsy Yaveh. ¹¹Le niresaky tamy Mosesy Yaveh sady nanao hozao: ¹²"Fa réko ty fitoreva olo lakon'Israely. Sady miresaha amin-drozy ka le volano hozao: 'Hihinan-kena nareo lafa hariva, sady hovintsiny mofo nareo lafa maray. Le ho hainareo fa zaho azy Yaveh Njanaharinareo iny.'" ¹³Sady lafa hariva le nisy tamo niakatsy noho nandrakotsy ty toby. Lafa maray le nairoro miodidy ty toby ty ando. ¹⁴Lafa nandeha ty ando, le nisy bongabongan-draha matify manahaky ty havandra tamy ty faritsy ty efitsy teo any. ¹⁵Sady lafa nahita zay ty olo lakon'Israely, le nifanontany ndrozy hozao: 'Ino io?' Tsy hain-drozy hoe ino iny io. Le hoasa Mosesy tamin-drozy: 'Io ro mofo ze namean'Yaveh hohany.' ¹⁶Zao ro lily ze namean'Yaveh: "Enganie ty kirai-draiky aminareo hamory ze sahaiza hohaninareo, le ty fatsa ty gomara raiky isaky ty olo lakonao. Manahaky zao ro ampy hohany ty olo kirai-draiky ze mipetsaky anay lainao ao.'" ¹⁷Sady nanovy olo lakon'Israely rey zay. Ty ilany namory lako, sady ty ilany namory tsy ampy. ¹⁸Laha nafatsan-drozy tamy ty gomara famantara zay, ze namory lako rey ro tsy nisy ambiny, sady ze namory kelikely ro nana ty ampy. Ty olo kirai-draiky le namory ze ampy ho ahy ty filany. ¹⁹Le hoasa Mosesy tamin-drozy: "Engaho tsy hisy hanenga tsy sisa amy zay zisiky hiavia ty maray." ²⁰Ndra zay aza, le tsy nijanjy an'i Mosesy ndrozy. Nisy ilany tamin-drozy to nanenga sisa tamy zay zisiky maray, fa niboaky holitsy noho nanjary maimbo zay. ²¹Le nanjary neloky tamin-drozy Mosesy. Le navorin-drozy isaky maray zay. Samby namory ty ampy azy ty olo kirai-draiky mba hohany amy andro io. Lafa nafana ty masoandro, le rava zay. ²²Sady tamy ty andro faha eny le namory mofo indroe mandilatsy isan'andro ndrozy, gomara roe isan'andro. Ty mpitariky ty goropy iaby le namonjy sady nivola zay tamy Mosesy. ²³Sady hoy ie tamin-drozy hozao: "Zao ro voan-tsafan'Yaveh: 'Fijanona masy hamaray, Sabata masy ho fanaja an'i Yaveh. Endaso ze teanareo hendasy, sady ketseho ze teanareo ketsehy. Sady hajario ho ahy nareo, zisiky maray ty sisa iaby amy zay.'" ²⁴Le narenin-drozy zisiky maray zay, manahaky ze nibekoan'i Mosesy. Sady tsy maimbo zay, na nahita holitsy taminy. ²⁵Hoasa Mosesy: "Hano henakio hany reto, fa henanio ro andro voatoka ho Sabata mba hanaja an'Yaveh. Sady henanio ro tsy hahita zay am-baibo any nareo." ²⁶Sady hamory zay anay ty enin'andro nareo, fa ty andro fahafito le andro Sabata. Ty andro Sabata le tsy hisy mana. ²⁷Sady tamy ty andro faha fito le lako olo rey ro nandeha niboaky namory mana, fa tsy nahita ndra ino ndra ino ndrozy. ²⁸Sady hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Zisiky ombia ro tsy hanenkeanareo hiemby liliko rey noho lalako rey? ²⁹Ingo, namean'Yaveh anareo ty andro Sabata. Sady amy ty andro fahaeny le hanome anareo mofo rey anay ty roe andro le. Engaho hijano amy ty toera misy azy iaby eo nareo; tsy misy mahazo miboaky amy ty toera misy azy amy ty andro fahafito ro." ³⁰Noho zay le nijano tamy ty andro fahafito ty olo lako. ³¹"Mana" ro nikaiha olo lakon'Israely rey hany zay. Foty manahaky ty voan-drafy rey, sady mana tavy manahaky ty koriandra matify tantely. ³²Hoasa Mosesy: "Zao ro lalin'Yaveh: 'Engaho hisy mana raiky gomara ho voahajary anay ty tariha ty olo lakonao, mb hahita mofo namahanako anareo rey tan'efitsy any ty tarihanareo, tafara ty nandaisako anareo niboaky baka Egipta any.'" ³³Sady hoasa Mosesy tamy Arona: "Mangala valany sady asio mana raiky gomara ao. Anovo aloha Yaveh ao mba hova hajary anay ty tariha ty olo lako." ³⁴Manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Mosesy, le nihajary Arona tamy ty lalany ty fanenkea tanay ty fiondrana ao zay. ³⁵Nihina mana tanay ty efapolo tao ty olo lakon'Israely zisiky ty hiavian-drozy tamy ty tany misy

mipetsaky any. Nihina zay ndrozy zisiky ty hiavian-drozy tamy ty sisin-tany ty Kanana teo any.³⁶Sady ty gomara raiky le mira ampahafolo ty efaha raiky.

Chapter 17

¹Fiaraha mipetsakin'Israely rey iaby le nandeha baka amy ty efitsy Sina any, nanaraky ty hevitsy Njanahary rey. Nipetsaky ta Refidima ao ndrozy, nefa tsy nisy rano hinomy ty olo lako ao. ²Le nanome tsiny an'i Mosesy noho raha nisy tamin-drozy zay ty olo lako sady nanao hozao: "Ameo rano hinomiko zahay." Hoasa Mosesy hoe: "Nanino ro mialy amiko nareo? Nanino ro mangalaky fanahy an'Yaveh nareo?" ³Nangetaheta maré olo lako rey, ka le nitoreo tamy Mosesy ndrozy. Hoasan-drozy hoe: "Nanino ro nanday anay naiala baka Egypta ao iha? Mba hamono harinay amy ty hetaheta?" ⁴Le nikaiky maré an'Yaveh i Mosesy hozao: "Ino ro tokony hanoviko amy olo lako toy? Fa ho nitoraky vato ahy ndrozy." ⁵Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Mandehana aloha olo lako rey eo, sady andeso miaraky aminao olo bevata Israely ilany rey. Andeso miaraky ami ao ty tehinao ze namangoanao ty renirano, sady mandehana. ⁶Hitsanga alohanao eo amy ty lafiam-bato any ao Horeba Zaho, sady hamango ty lafiam-bato iha. Hisy rano hiboaky amy zay mba hinomy ty olo lako." Le nanao zay tamaso olo bevatan'Israely rey eo i Mosesy. ⁷Nikaiky toera zay hoe Masa noho Meriba noho ty fitoreva Israelita rey ie, sady safe fa nangalaky fanahy ty Tompo ndrozy tamy ty nivolanany hoe: "Aminay eto va Yaveh sa aha?" ⁸Le avy sady nanafiky an'Israely tao Refidima ty tafiky ty olo lako Amalekita. ⁹Le hoasa Mosesy tamy Josoa: "Mitingina lahilahy maromaro sady miboaha. Mialia amy ty Amalekita. Hamaray le hitsanga anabo ty vohitsy eo miaraky amy ty tehin'Janahary antanako eo zaho." ¹⁰Le nialy tamy ty Amalekita manahaky ty nibekoa Mosesy azy Josoa, laha nandeha tanabo ty vohitsy ao koa Mosesy, Arona, sady Hora. ¹¹Lafa nampitsanga ty tanany ho anabo Mosesy, le nandresy Israely; Lafa namango ty tanany hangalaky ay ie, le nanomboky nandresy ty Amalekita. ¹²Lafa nihamavesatsy ty tana Mosesy, le nangalaky vato i Arona noho Hora sady nampipetsaky zay tambaniny ao mba hipetrahany. Tamy fotoa io avao, le nitandraky ty tanany ho anabo Arona noho Hora, ty olo raiky tan-daniny eo, sady ty olo raiky hafa tamy ty ilany eo. Sady le voatandraky maré tana Mosesy rey zisiky mampilentiky ty masoandro. ¹³Le nandresy ty olo lako ty Amalekita tamy ty meso bevata i Josoa. ¹⁴Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Sorato amy ty boky zao ka le vakio antsofy Jesoa eo, safe hamono tanteraky ty fahatiarova ty Amalekita tsy ho ambany lanitsy eo Zaho." ¹⁵Le nanory alitara i Mosesy sady nikaiky zay hoe: "Yaveh ro fanevako." ¹⁶Hoy ie: "Fa ty tana ro nasondrotsy anabo ho amy ty seza fipetrahan'Yaveh--- fa Yaveh hialy amy ty Amalekita amy tariha fara bibiky iaby rey."

Chapter 18

¹Naharé ty raha nanovin-Janahary tamy Mosesy noho ty Israely olo lakony i Jetro, mpisoro ty Midiana, rafozan-dahin'i Mosesy. Reny fa Yaveh nanday ty Israely niboaky Egypta any. ²Nala Jetro, rafozan-dahin'i Mosesy i Zipora, valy Mosesy, tafara ty nampoliny azy, ³sady anany roe lahy rey; ty anara ty raiky Gersoma, safe hoasa Mosesy hoe: "Fa vahiny tamy tany ty firenea hafa any zaho." ⁴Eliezera koa ro anara azy raiky iny, safe hoasa Mosesy hoe: "Ty Njanahary ty razako ro namonjy ahy. Nanavotsy ahy tamy ty meso bevata i Farao le." ⁵Avy niaraky tamy ty anakilahy Mosesy noho ty valiny tamy Mosesy tambaliky any ze nipetrahany tam-bohitsin-Janahary any i Jetro, rafozan-dahiny. ⁶Hoy ie tamy m5hoza: "Zaho, Jetro rafozan-dahinao, le avy aminao atoy miaraky amy ty valinao noho ty anakilahiny roe." ⁷Niboaky hitsena ty rafozan-dahiny Mosesy, niondriky ie, sady nanoriky azy. Nifanontany fahasalama ndrozy sady nilitsy tan-day any bakeo. ⁸Nitantarà Mosesy tamy ty rafozan-dahiny iaby nanovin'Yaveh tamy Farao rey noho ty Egyptiana noho ty amy ty Israely, aly sarotsy iaby rey nahazo azy tan-dala eny, sady ty fomba nanavota Yaveh androzy. ⁹Le faly Jetro noho ty soa iaby ze nanovy Yaveh tamy ty Israely, tamy ty nanavotany androzy tamy ty tana ty Egyptiana. ¹⁰Hoasa Jetro hozao: "Ho tompoa lahy Yaveh, safe le nanavotsy anao tan-tany ty Egyptiana noho tan-tana Farao eo, sady nanafaky ty olo tam-pelantana Egyptiana rey eo. ¹¹Haiko amy zao fa bevata noho ty Njanahary iaby Yaveh, safe tamy ty nanandesa ty Israelita tamy ty avonavo ty Egyptiana, Le navotan-Janahary ty olony." ¹²Nanday fanomezana oroa sady soro ho an-Janahary i Jetro, rafozan-dahiny Mosesy. le avy nihina niaraky tamy Jetro, rafozan-dahin'i Mosesy, tanilan-Janahary eo i Arona noho olo bevatan'Israely iaby rey. ¹³Ty hamaray le nipetsaky hitsara ty olo i Mosesy. Nitsanga nanodidy azy ty olo nanomboky ty maray ka le zisiky hariva. ¹⁴Lafa nahita iaby nanovy Mosesy tamy ty olo lako ty rafozan-dahiny rey, le hoy ie hozao: "Fa ino raha anovinao miaraky amy ty olo? Nanino ro iha raiky ro mipetsaky sady ty olo iaby mitsanga miodidy anao manomboky maray zisiky ty hariva?" ¹⁵Le hoasa Mosesy tamy ty rafozan-dahiny hozao: "Mamonjea ahy ty olo mba nanontany ty tari-dalan-Janahary. ¹⁶Lafa misy alialy amin-drozy eo, le zaho ro hanontany. Zaho ro manapa-kevitsy amin-drozy roe tonta eo, ka le mampianatsy androzy ty lilin-Janahary noho ty lalàny. ¹⁷Hoasa ty rafozan-dahin'i Mosesy tami y hozao: "Tsy le mety loatsy ty raha anovinao. ¹⁸Ho vazaky tokoa nareo, le iha noho olo ze miaraky aminao rey. Mavesatsy loatsy ho ahinao Ziona zao. Tsy vitanao raiky io. ¹⁹Janjino zaho. Hanoro hevitsy anao zaho, Sady Njanahary hitahy anao, safe iha ro solon-tena ty olo anilan-Janahary eo, noho manday ty alinz-drozy aminy eo. ²⁰Tsy maintsy hampianarinao androzy ty liliny noho lalàny. Tsy maintsy hasesinao androzy ty lala tokony homba noho ty asa tokony hanovy. ²¹Sady ka le, tsy maintsy mitingy lahilahy mahay baka amy ty olo iaby iha, le lahilahy ze manome vonahitsy Njanahary ze tsy tea kolikoly. Tsy maintsy hapetsaky ho mpanapaky ty olo ndrozy, mba ho mpifehy arivo raiky, zato, dimampolo, sady folo. ²²Ndrozy ro hitsara ty olo amy ty raharaha mahazatsy iaby, fa ty tsanga saro-bahana koa handesin-drozy aminao any. Ty amy tsanga maliniky rey, ty vatan-drozy avao ro ho afaky hitsara zay. Amy ze ro ho mora aminao tokoa, sady ndrozy hiaraky hizaka ze mavesatsy aminao. ²³Laha manao zay iha, sady laha Njanahary ro mibeko anao hanao zay, le hahavita hoaritsy iha, sady ty olo iaby afaky holy an-tsano amy ty fahafahm-po any." ²⁴Nijanjiny Mosesy ty safan-drafozany sady nanovy iaby ze iaby nivolaniny. ²⁵Le nitingy lahilahy soa laza baka amy Israely iaby rey Mosesy ka le nanao androzy ho mpitariky ty olo lako, le ho mpifehy arivo raiky, Sato, dimampolo, sady folo. ²⁶Nitsara ty olo tamy ty tsanga tsotra ndrozy. Tsanga saro-baha rey ro nandesiny tamy Mosesy any, fa ty vatan-drozy avao ro nitsara tsanga maliniky rey. ²⁷Ka le nanenga ty rafozan-dahiny handeha Mosesy, sady Jetro noly tamy ty taniny any.

Chapter 19

¹Tamy ty vola fahatelo tafara ty niala ty olo lakon'Israely ty tany Egipta, tamy andro io avao, ro niavian-drozy tan'efitsy Sinay ao. ²Ka lafa niala ta Refidima ao ndrozy ka le nandeha an'efitsy Sinay any, le nipetsaky tan'efitsy ao taloha ty vohitsy eo. ³Le nandeha tamy Njanahary Mosesy. Le nikaiky azy bakeo amy ty vohitsy Yaveh ka le nanao hozo: "Tsy maintsy hivolananao ty longon'i Jakoba, le ty olo lakon'Israely hoe: ⁴Fa hitanareo ze nanoviko tamy ty Egyptiana, ty fomba nandaisako anareo tamy ty elatsy ty voromahery noho ty nitaomako anareo ho amiko eto. ⁵Ka le amy zao, laha mijanjy am-pankatoava ty feoko nareo ka le miemby ty fanenkeako, le ho hanana manoka ho Ahly nareo mandilatsy amy ty olo iaby, safe Ahly ty tany iaby. ⁶Le ho fanjaka mpisoro noho firenea masy ho Ahly nareo. Safa rey ro tsy maintsy ho volaninareo amy ty olo lakon'Israely." ⁷Le avy Mosesy ka le nikaiky olo bevata ty olo lako rey. ty safa iaby ze nibekoa Yaveh azy. ⁸Ka le niaraky namaly olo lako rey ka le nanao hozo: "Hanovinao ze iaby nivolany Yaveh." Le nitanteraha Mosesy tamy Yaveh ty safa ty olo. ⁹Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hoe: "Ho avy aminao anay raho matevy eo Zaho mba hafaha ty olo lako maharé anao laha mivola miaraky aminao Zaho sady mba hafahanay hino anao mandrakariva koa." Le nambaran'i Mosesy tamy Yaveh safa ty olo lako rey. ¹⁰Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozo: "Mandehana amy ty olo lako any. Henanikio noho hamaray ro tsy maintsy hanamasinanao ho Ahly ndrozy, sady anovo ho liovin-drozy ty fisikinany. ¹¹Miomana amy ty andro fahatelo, fa amy ty andro fahatelo le hijotso ho amy ty vohitsy Sinay Yaveh eo. ¹²Asio vala ty manodidy ty vohitsy ho ahly ty olo lako. Volano amin-drozy hoe: 'Tandremo mba tsy hanganihanareo ty sisiny zay. Ndra ia ndra ia mikasiky ty vohitsy sady hovonoa ho maty vatany ie.' ¹³Tsy hisy tanà hikasiky olo manahaky zay. Fe koa, hotoraha vato vatany ie na hotifiry. Ndra olo zay ndra biby, sady tsy maintsy vonoa ie. Lafa lava ty feo ty trompetra, vo afaky mandeha eo ho ampo5otsy ty vohitsy eo ndrozy." ¹⁴Le nijotso ty vohitsy Mosesy mba ho amy ty olo lako eo. Nihamasininy ho an'i Yaveh ty olo sady koa nanalio ty fisikinany rey. ¹⁵Le hoy ie tamy ty olo lako hozo: "Mivonona amy ty andro fahatelo; ka mba manenky ty valinao." ¹⁶Tamy ty andro fahatelo, Lafa maray, le nisy hotsoky noho helatsy sady havandra tam-bohitsy eo, sady feon-tropetra mahery faneno. Velo holitsy ty olo iaby tamy ty tpby eo. ¹⁷Le nandesy Mosesy niboaky ty toby ty olo mba hotojiky amin-Janahary. sady nitsanga tam-pototsy ty vohitsy ndrozy. ¹⁸Atsiky setsiky tanteraky ty vohitsy Sinay safe nijotso taminy eo tamy ty afo noho ty satsoky Yaveh. Le niakatsy manahaky ty setsoky ty laforo bevata ty vohitsy raiky iaby. ¹⁹Lafa nihamahery le mahery ty feo ty trompetra, le nivola Mosesy, sady namaly feo azy Njanahary. ²⁰Le nijotso tam-bohitsy Sinay eo Yaveh, tanabo ty vohitsy, sady nikaiky an'i Mosesy ho anabony ao Ie. Le niakatsy noho zay. ²¹Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozo: "Mijotso ka hampiembenako ty olo tsy hisisiky ho amiko atoy mba hanenty, laha tsy zay le ho lako amin-drozy ro ho maty. ²²Engaho avao koa mpisoro ze manariny Ahly rey mba Hanoka ty vatany---hampiomàno ndrozy ty amy ty fiaviako---mba tsy hamango androzy Zaho." ²³Le hoasa Mosesy tamy Yaveh hozo: "Tsy afaky hiakatsy ty vohitsy ty olo, fa nana adidy anay Iha hoe: 'Asio vala miodidy ty vohitsy ka hatokanao ho an'i Yaveh zay.'" ²⁴Le hoasa Yaveh taminy hozo: ""Mandehana, mijotso ty vohitsy, ka le andeso miakatsy miaraky aminao i Arona, nefa mba ka engà handrava ty vala mana amiko any mpisoro rey noho olo lako rey, tsy noho hamango androzy Zaho." ²⁵Le nijotso tamy ty olo lako eo Mosesy ka le niresaky tamin-drozy.

Chapter 20

¹Njanahary nivola safa iaby zao: ²"Zaho ro Yaveh Njanaharinao, ze nanday anao niboaky baka amy ty tany Egypta any, baka amy ty tsano fanandevoza ao." ³Mba ka mana njanaharin-kafa fa zaho avao. ⁴Mba ka manao sari-draha voasokitsy ho anao na ho endriky ty raha amy ty lanitsy anabo eny, ndra ze ambany tany etoy, ndra ze ambany rano any. ⁵Mba ka miondriky anilany ao sady mba ka manompo azy, fa Zaho, Yaveh Njanaharinao, le Njanahary saropiaro. ka le ty haratia say ty razanao le valiko amy ty tarihanao any, le ty anaky noho ty zafy ze tsy tea ahy rey. ⁶Nefa koa mampitoro tsy fivaliham-panenkea amy ty olo arivo raiky mandimby ze tea Ahy ka le miemby liliko rey Zaho. ⁷Mba ka mivolambola fahantany ty anara Yaveh Njanahary, Fa zaho le hahazo rey ze mivolambola fahantany ty anarako. ⁸Tiarovo ty andro Sabata, mba hanokana zay ho Ahy. ⁹Engaho hanovinao anay ty enin'andro ty asa noho ty raha iaby. ¹⁰Fa ty andro fahafito le Sabata an'i Yaveh Njanaharinao. Amy zay le tsy tokony hisy asa anovy, ndra ty anakilahinao, ndra ty anak'ampelanao, ndra ty mpiasanao lahilahy, ndra ty mpiasanao ampela, ndra ty biby harénao, ndra mpivahiny ze militsy anay ty vavahadinao rey. ¹¹Fa tanay ty rpenin'andro Yaveh ro nanao ty tany noho ty lanitsy, ty riaky, sady ty raha iaby ze anay zay ao, sady nijano tamy ty andro fahafito. Noho zay Yaveh le nitahy ty andro Sabata ka le nanoka zay. ¹²Hajao babanao noho reninao, mba ho ela andro iaina iha amy tytany ze amean-Janahary anao eo. ¹³Mba ka manono olo. ¹⁴Mba ka maheriloha. ¹⁵Mba ka mangalatsy amy ty olo any. ¹⁶Mba ka mitsanga ho vavolombelo tsy marina mpavandy manohitsy ty namanao. ¹⁷Mba ka maniry ty tsano ty namanao, mba ka maniry ty valy ty namanao, ty mpanompo lahilahiny, ty mpanompo ampelany, ty aombiny, ty borikiny, na ze iaby hananany ty namanao. ¹⁸Sady ty olo iaby nahare ty hotsoky noho ty helatsy, sady nahare ty feo ty trompetra, sady nahita ty vohitsy abo nanetsoky. Lafa nahita zayvty olo, le velo-holitsy ndrozy sady nitsanga lavitsy. ¹⁹Le hoasan-drozy hoe: "Mivolana aminay, sady hijanjy zahay; fa mba ka enga hivola aminay Njanahary, tsy noho maty zahay." ²⁰Le hoasa Mosesy tamy ty olo hoe: "Mba ka matahotsy, fa Njanahary le avy hitsapa anareo mba ho aminareo ty voninahitsy, sady mba tsy hanotanareo." ²¹Le nijano lavitsy eny ty olo, sady manahaky namonjy ty aizim-pito ze nisy an-Janahary. ²²Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Zao ro tsy maintsy volaninao amy ty Israelita: 'Nardo fa nahita fa tan-danitsy any zaho ro nivola taminaeo. ²³Nareo le tsy tokony hanao njanahary-hafa miaraky amiko, na njanahary njanahary volafoty na njanahary volamena. ²⁴Tokony hanao alitara tany ho ahy nareo, sady tokony hanao soro amy ty fanomeza oroa anabony eo, fanomeza fiombona, aondry, sady aomby. Amy ty toera eny ze nitinginiko ho anareo hanomezako voninahitsy Ahy. ²⁵Laha hanao alitara vato ho ahy ianareo, le enganie tsy ho vato voapaiky ro hananovanao azy, safe laha hampiasa ty fiasanareo aminy nareo, le handoto zay. ²⁶Mba ka miakatsy amy ty ambaratongany ho amy ty alitarako eo; zay ro mba tsy hitoroa ty fitanjahanareo.'"

Chapter 21

¹"Sady ndreto ro lily ze tsy maintsy hapetsako alohan-drozy eo.²Laha mivily mpanompo Hebreo iha, le hanompo zisiky ty eny tao ie, sady amy ty tao fahafito le handeha malalaky tsy handoa ndra ino ndra ino ie.³Laha ie vatany to avy, le tsy maintsy mandeha an-kahalala ty vatany; laha manambaly ie, ty valiny le tsy maintsy mandeha an-kahalala miarak y aminy.⁴Laha nanome valy ho azy ty tompony ka le niteraky aja lahilahy na ajam-pela taminy ie, le ty valiny noho anany rey ro ho ahy ty tompony, sady tsy maintsy mandeha an-kahalala ty vatany.⁵Fa laha mivola mazava soa azy mpiasa iny hoe: "Teko ty tompoko, ty valiko, noho ty anako rey; tsy handeha am-pahalala zaho,"⁶ le engaho handay azy ho amy Njanahary eo ty tompony. Tsy maintsy handay azy am-baravara na tolàm-baravara eo azy tompo iny, la tsy maintsy loahy ty tompony amy ty hailo ty sofiny. Sady le hanompo azy zisiky ty hahatampitsy ty ainy ty manompo.⁷Laha misy lahilahy mamarotsy ty anak'ampelany ho mpiasa vavy, le tsy handeha an-kahalala manahaky azy mpiasa lahilahy iny ie.⁸Fa laha tsy mahafaly ty tompony ie, ze nitingy azy ho ahy ty vatany, le engaho ie hanenga azy hovily draiky. Tsy manan-jo hamarotsy azy amy ty vahiny ie. Tsy manan-jo manahaky zay ie, safe namitaky azy.⁹Laha nitinginy ty tompo ho valy ho ahy ty anakilahiny ie, le tsy maintsy handay azy manahaky ty anak'ampelany ie.¹⁰Laha mangala-baly hafa ho azy ie, le tsy tokony hampihena ty haniny, ty fisikinany, na ty zo ara-mpanambaliany.¹¹Fa laha tsy manome androzy raha telo rey, le afaky mandeha an-kahalala ie sady tsy mandoa jala.¹²Ndra ia ndra ia mamono olo ka mahafaty azy, le engaho ho vonoa vatany olo zay.¹³Fa laha tsy nanoma zay taloha azy lahilahy iny, fa tsy nahay koa, le hitondro toera hafahany lomay zaho.¹⁴Laha manafiky an-tsitsapo ty mpiaraky mivelon aminy ty olo raiky ka le mamono azy amy ty hevitsy mailo, le engaho halanao ie mba tsy ho maty. na le amy ty alitara an-Janahary any aza ie.¹⁵Ndra ia ndra ia mamango ty babany na ty reniny le tsy maintsy hovonoa ie.¹⁶Ndra ia ndra ia mandrava olo raiky ka mamarotsy azy, na tsatsy tan-tanany eny azy olo iny, le engaho ho vonoa vatany mpandrava zay.¹⁷Ndra ia ndra ia manozo ty babany na ty reniny le engaho ho vonoa vatany ie.¹⁸Laha mialy lahilahy rey ka le mamango ty raiky amy ty vato na komondro, ka le tsy maty olo zay, nefa tsy afaky miala ampandreany eo ;¹⁹sady laha afaky ie ka le afaky mandeha amy ty fampiasa ty tehiny, le tsy maintsy manonitsy azy fotoany tsobo iny olo ze namango azy iny; sady tsy maintsy miantoky ty fanafaha azy tanteraky avao koa ie. Fa olo zay le tsy meloky amy ty famonoa.²⁰Laha misy olo mamango ty mpiasany lahilahy na ty mpiasa ampelany amy ty tehy, ka laha maty noho ty fanjatsy azy mpiasa iny, le tsy maintsy hosazy vatany olo zay.²¹Kanefa, laha miay anay ty ndraik'andro na ndo-andro azy mpiasa iny, le tsy tokony ho sazy azy tompony iny, safe hijaly amy azy fahatsoboa ty mpiasany iny ie.²²Laha mialy noho mandratsy ampela bevoka ty lahilahy rey, ka le afak'anaky ie, nefa tsy misy nandratsy hafa aminy eny, le azy lahilahy meloky iny le tsy maintsy manantanteraky ze sitsapony ty valiny azy ampela baka aminy iny, sady tsy maintsy manonitsy ze manahaky ty famarita ty mpitsara ie.²³Fa laha misy nandratsy bevata koa,²⁴ le tsy maintsy manome ay ho solo ty ay, maso ho solo ty maso, hý ho solo ty hý, tana ho solo ty tana, tomboky ho solo ty tomboky,²⁵ mafana ho solo ty mafana, mandratsy ho solo ty mandratsy, na mihan-dro-drà ho solo ty mihan-dro-drà ie.²⁶Laha misy olo mamango ty maso ty mpiasa lahilahy na ty mpiasa ampela ka le manimba zay, le tsy maintsy hanenga azy mpiasa handeha an-kahalala ho famorona ty masony iny ie.²⁷Sady laha mangalaky ty hý ty mpiasa lahiny na mpiasa ampelany ie, le tsy maintsy hanenga azy mpiasa handeha an-kahalala ho fanorena ty hý iny.²⁸Laha misy aomby iaby lahilahy na ampela ka nahafaty azy, le tsy maintsy ho toraham-bato azy aomby iny, sady ty nofotsiny le tsy azo hany; le tsy ho meloky tompo aomby iny.²⁹Fa laha nanam-pahazara nidodo azy aomby taloha iny, sady fa nampiembenana ty tompony nefa nijanjy zay, ka le nahafaty lahilahy na ampela aomby iny, le tsy maintsy ho toraham-bato aomby zay, sady tsy maintsy hovonoa ka ty tompony.³⁰Laha ilá ty fandoava jala ho solo ty ainy, le tsy maintsy handoa ze takeny ie.³¹Laha misy aomby nidodo aja lahilahy na ajam-pela, le tsy maintsy manao ze také ty lily hanovy azy tompo ty aomby iny.³²Laha midodo mpiasany lahilahy na mpiasa ampela aomby iny, le tsy maintsy mandoa sekely jala foty telopolo ty tompo aom y iny, sady tsy maintsy ho toraham-bato aomby iny.³³Laha misy olo namoha lavaky raiky, na misy olo mihaly lavaky nefa tsy manaro zay, ka le misy aomby na boriky latsaky amy zay ao,³⁴ le tsy maintsy mampimpoly ty fatiantoky ty tompo lavaky iny. Tsy maintsy manome jala ho ahy ty tompo ty biby maty ie, sady biby maty rey le ho lasany.³⁵Laha misy aombin'olo mandratsy ty aomby ty hafa ka le mahafaty azy, le tsy maintsy havilin-drozy ty aomby velo ka le hozarà ty viliny, sady tsy maintsy zaràn-drozy avao koa ty aomby maty.³⁶Fa laha hay fa zatsy nidodo azy aomby taloha iny, ke le tsy niemby zay ty tompony, le tsy maintsy hanonitsy aomby ho solo ty aomby ie, sady biby maty iny le ho lasany.

Chapter 22

¹Laha misy olo mangalatsy aomby ndra aondry ka le mamono zay ndra mamarotsy zay, le tsy maintsy manonitsy aomby limy ho ahy ty aomby raiky ie, sady aondry efatsy ho ahy ty aondry raiky. ²Laha misy mpangalatsy tsatsy mamaly tsano, sady laha vonoa ie ka maty, le tsy misy sazy noho ty vono-olo hamehy ndra ia ndra ia noho ty aminy amy tsanga zay. ³Fa laha nipoaky ty masoandro taloha ty namakiany tsano, le hamehy azy olo ze namono azy iny ty sazy amy ty vono-olo. Tsy maintsy manonitsy ty nangalariny ty mpangalatsy. Laha tsy mana ndra ino ndra ino ie, le tsy maintsy avily noho ty fangalarany. ⁴Laha hita velo an-tanany eny azy biby nangalariny iny, ndra aomby zay, ndra apondra, ndra aondry, le tsy maintsy hanonitsy mandilatsy zay ie. ⁵Laha misy olo manenga ty biby harény hitimoky am-baibo eny na amy ty tany voloboky eny sady manenga bibiny rey ho tsobo, ka le mitimoky amy ty baibo ty olon-kafa eny zay, le tsy maintsy manonitsy amy ze soa bibiky amy ty baibony manoka ao noho ze soa bibiky amy ty tany volobokiny manoka ao ie. ⁶Laha misy afo mirehitsy ka le mikisaky amy ty fatiky sady mahazo ty voa ty vary, ndra vary voajinja, ndra baiko, le azo antoky fa tsy maintsty hanonitsy azy raiky ze nampirehitsy ty afo iny. ⁷Laha misy olo manome jala ndra hanana amy ty namany aminy mba hiarova zay, sady laha nangalariny tan-tsano azy zay iny ao, ka le hita azy mpangalatsy iny, le tsy maintsy hanonitsy mandilatsy zay mpangalatsy iny. ⁸Fa laha tsy hita azy mpangalatsy iny, le tsy maintsy avy aloha mpiasa iny topon-tsano rey mba hanenty laha ty tanany avao ro nangalatsy ty hanana azy namany iny aminy. ⁹Fa ty fialia iaby mikasiky ty raha raiky, ndra aomby zay, ndra apondra, ndra aondry, ndra fisikina, ndra raha hafa tsy ampy mikasiky ze volan-Janahary rey hoe: "Ahy toy," le tsy maintsy avy aloha mpitsara rey eo ty fitoreva antoko roe rey. azy olo ze nisazy ty mpitsara iny le tokony hanohitsy mandilatsy zay amy ty namany. ¹⁰Laha misy olo manome apondra, ndra aomby, ndra aondry ndra biby hafa ho hahajarý mpiraky mivelon aminy, ka le laha maty zay ndra mandratsy ndra nisy nanday ka le tsy nisy nahita, ¹¹Le tsy maintsy mitahy amy Yaveh roe rey, laha nisy olo raiky ndra tsy nisy nangalatsy ty fanana ty mpiaraky mivelon aminy. Tsy maintsy manenky zay ty tompony, sady tsy hanohitsy azy raiky hafa iny. ¹²Fa laha nangalarý taminy zay, le tsy maintsy manonitsy zay amy azy tompony iny ty hafa. ¹³Laha nisy biby nirivajivaty, le engao azy olo hafa iny handay ze fa nirivajivaty ie. ¹⁴Laha misy olo mindra biby amy ty mpiaraky mivelon aminy ka le nadratsy ndra maty ty biby nefa tsy niaraky tany ty tompony, le tsy maintsy manonitsy zay olo hafa iny. ¹⁵Fa laha niaraky tany zay azy tompony iny, le tsy mila manonitsy azy olo hafa iny; laha nofà biby iny, le honera amy ty hofany zay. ¹⁶Laha misy lahilahy maniry ajam-pela mbo kelikely ze mbo tsy nanambaly, sady laha miaraky miroro aminy ie, le tsy maintsy mangalaky azy ho valy ie amy ty alala ty takomaso také amy zay. ¹⁷Laha mandà tanteraky ty hanome azy ho azy ty babany, le tsy maintsy manonitsy jala mitovy amy ty takomaso ho ahy ty ajam-pela mbo kelikely ie. ¹⁸Tsy tokony hanenga ty mpanadro ho velo iha, ¹⁹Ndra ai ndra ia miaraky miroro amy ty biby le tsy maintsy hovanoe vatany. ²⁰Ndra ia ndra ia manao soro ho an-Janahary lafa-tsy Yaveh le tsy maintsy harava tanteraky. ²¹Enganie tsy handiso vahiny rey na hampijaly azy iha, safe iha le vahiny amy ty tany Egypta any. ²²Enganie tsy hampijaly ty mpanday vata ndra aja kamboty raiky mihintsy iha. ²³Laha hampijaly androzy bibiky iha, ka le mikaiky Ahy ndrozy, le ho reko vatany ty kaikin-drozy. ²⁴Hirehitsy ty heloko, sady ho vonoko amy ty meso bevata iha; hanjary ho mpanday vata ty valinao, sady ho kamboty baba ananao rey. ²⁵Laha mampindra jala ho ahy ty oloko ze mijaly aminao eo iha, le engaho tsy hanahaky ty pitrosa jala aminy iha na mpanao jala mitombo azy. ²⁶Laha mangalaky ty fisikina ty namanao ho antoky iha, le enganie hampolinao aminy zay aloha ty hilenteha ty masoandro, ²⁷fa zay avao ro fisarona ho azy; zay ro fisikinany ho ahy ty vatany. Ino avao koa ro afaky hiroroany? Lafa mikaiky Ahy ie, le hiroroa azy Zaho, safe bevata fangoraha Zaho. ²⁸Enganie iha hivola raty Ahy, Njanahary, na hanozo ty mpanapaky ty olo lakonao. ²⁹Enganie tsy hitanjaky fanomeza baka amy ty vokatsy ty taninao rey na famiazam-bolobokinao rey iha. Enganie hameanao Ahy ty velohan-teraky amy anakinao rey. ³⁰Sady engaho hanao zay amy aomby noho aosinao rey avao koa iha. Fa amy ty andro fahafito le afaky hipetsaky miaraky amy reniny rey ndrozy, fa amy ty andro fahavalo le tokony hameanareo ahy. ³¹Ho olo voatoka ho Ahy nareo. Noho zay le tsy tokony hihina hena ze fa nirivajivaty ty biby tam-baibo eny iha. Fa koa, engaho hatoranareo ho ahy ty alika zay.

Chapter 23

¹Mba ka manome tatitsy diso ndra momban'ia ndra momban'ia. Mba ka manaraky amy ty olo raty fanahy mba ho vavolombelo tsy marina. ²Mba ka manaraky ty lako hanao raty, na ka mety hitsanga vavolombelo laha manaraky ty lako mba hamaliky ty rariny. ³Mba ka mangalatsy amy ty mijaly amy ty fitsara any any. ⁴Laha hitanao mania ty aomby ty fahavalonao na ty borikinao, ampolio aminy any zay. ⁵Laha hitanao lavo voatindry ty entany amy ty tany ty boriky ty olo ze tsy tea anao, mba ka miala olo zay. Engaho hanampy azy amy boriky zay tokoa iha. ⁶Mba ka mamaliky ty rariny laha tokony ho ahy ty olo malahelo amy ty aly ty malahelo any zay. ⁷Mba ka miharo amy ty fananova figadra vandy, sady mba ka mamono ty tsy manan-tsiny na ty olo-marina, fa tsy hanamarina ty raty fanahy Zaho, ⁸Mba ka mandramby kolikoly, fa ty kolikoly mahajiky ze mahita rey, sady mampivio ty safa ty olo-marina. ⁹Mba ka mampijaly ty hafa firenea, safe hainao ty fiaina ty vahiny, fa vahiny nareo tamy ty tany Egypta any. ¹⁰Handaraky via amy ty tany sady hamory ty vokatsy ty baka aminy iha anay ty enin-tao. ¹¹Fa amy ty tao fahafito le henganao tsy hambolé noho hajanonao eo zay, mba hafaha mijaly rey amy ty olo lakonao hihina. Ty sisan-drozy, le hohany bibi-ly rey, Hanao manahaky zay amy tany-volobokinao rey noho tany-olivinao rey iha. ¹²Anay ty eninan'andro le hanao ty asanao iha, fa amy ty andro fahafito le tsy maintsy mijano iha. Anovo zay mba hafaha ty aombinao noho ty borikinao mijano, sady mba hafaha ty anakilahy ty andevo ty ampelanao noho ty vahiny mijano noho mangalaky ay. ¹³Tandremono raha iaby ze fa vita resako anao rey. Mba ka manono anaran-Janahary hafa, na manenga ty anaran-drozy ho ré baka amy ty vavanao any. ¹⁴Tsy maintsy mandeha impntelo isan-tao iha hanao andro fifalea ho ahy. ¹⁵Tandremono ty andro Fifalea ho amy ty mofo tsy masira. Manahaky ty nibekoako anao, hihina mofo tsy masira iha anay ty fito andro. Amy fotoa zay, hiseho anilako eo iha amy ty vola Abiba, ze voatondro ho an'i tanjo zay. Tamy vola zay ro niboahanao baka Egypta any. Nefa mba ka miseho anilako eo tanam-polo iha. ¹⁶Tandremonao ty andro fifalefalea ty fambolea, tamy ty nandrarahako voa velohany tamy ty tany. Tandremonao avao koa ty andro fifalefalea ty fampiakaram-bokatsy amy ty fara ty tao, Lafa mamory ty vokatsinao baka amy ty tany iha. ¹⁷Lahilahinao iaby rey le tsy maintsy miseho anila ty tompo Yaveh intelo eo isan-tao. ¹⁸a ka manome ty lio baka amy soro rey natao ho Ahy miaraky amy ty mofo misy lalivay iha. Mba ka engà hijano anay ty haliky zisiky amy ty maray ty sabora baka amy soro tamy ty andro fifalefaleako rey. ¹⁹Ty veloham-bokatsy bibiky baka amy ty taninao le tsy maintsy aterinao an-tsanoko ao, le tsanon'Yaveh Njanaharinao. Engaho tsy hiketsiky ty anak-aosy amy ty rononon-dreniny iha. ²⁰Zaho handeha hanoraky anjely alohanao eo mba hiaro anao an-dala eny, sady mba handay anao amy ty toera ze nihomaniko any. ²¹Mijanajina azy sady enkeno ie. Mba ka mahaferinay azy, fa tsy hanenga fahota rey ie. Ty anarako eo aminy ao. ²²Laha manenky ty feony vatany iha sady manao ty raha iaby ze volaniko aminao, le ho fahavalo ty vahavalo rey Zaho sady ho mpifanina amy mpifanina aminao rey. ²³Handeha alohanao eo ty anjeliko sady handay anao amy b'Amorita rey any, Hetita, Perisita, Kananita, Hivita, sady Jebosita rey. Handrava androzy Zaho. ²⁴Mba ka miondriky amy ty njanaharin-drozy, manompo androzy, na manao ze hanovin-drozy iha. Fa koa, tsy maintsy ravanao tanteraky sady torotoró tsangam-baton-drozy rey. ²⁵Manompo an'Yaveh Njanaharinao, le hitahy ty mofonao noho ty ranonao Ie. Halako aminao ty aretinao. ²⁶Tsy hisy ampela tsy hiteraky na ho afak'anaky amy ty taninao any. Hameako andro lava hiaina iha. ²⁷Handefa ty tahotsy ty vatako amy ze tany andehananaorey Zaho. Hamono olo iaby ze tojiky aminao rey Zaho. Hampiamboho fahavalo iaby amy ty tahotsy rey Zaho. ²⁸Handefa fanenitsy ho alohanao eo mba handroaky Hivita, Kananita, sady Hetita tsy ho aloha eo Zaho. ²⁹Tsy handroaky androzy alohanao anay ty tao raiky eo Zaho, tsy noho rava ty tany, sady ho lako bibiky aminao biby-li rey. ³⁰Fa koa, horoasiko tsikelikely tsy ho aloha eo zisiky hiavianao mamokatsy ka handova ty tany rey. ³¹Hanoviko zisiky amy ty riaky Mena any ka le zisiky amy ty riaky ty Filistina any ty sisin-taninao, sady le zisiky an'efitsy any amy ty ony Eofrata. Zaho hanome anao fandreseha amy ty mpipetsaky ty tany. Horoahinao alohan-drozy eo. ³²Mba ka manao fanenkea amin-drozy na amy njanahariny iha. ³³Tsy mahazo mipetsaky amy ty taninao eo ndrozy, laha tsy zay ndrozy le hampanota anao amiko. Laha manompo njanaharin-drozy rei iha, le havaliky ho fandriky ho anao vatany zay."

Chapter 24

¹Sady Yaveh nivola tamy Mosesy hozao: "Miaraky amiko atoy---iha, Arona, Nadada, Abiho noho fito-polo amy ty olo bevatan'Israely, sady manompo ahy an-danitsy eny. ²Mosesy raiky robafaky manariny Ahy. Engaho tsy hanariny hafa rey, sady tsy mahazo miakatsy miaraky aminy ty olo lako. ³Nandeha Mosesy sady nivola tamy olo lako rey safa noho lili'Yaveh rey iaby. Ty olo lako iaby namaly azy tamy ty feo raiky nivola hoe: " Hatanay safa iaby rey ze nivolan'Yaveh." ⁴Sady Mosesy nandramby an-tsoratsy safa Yaveh iaby. Mbo maray, Mosesy le nanory alitara tam-pototsy ty vohitsy eo sady manday tsangam-bato folo roa amby, vato rey le mba hampisehoa foko folo roe ambin'Ysraely rey. ⁵Nandefa mpamaraky Israelita lakolako ie hanome ty fanomeza oroa sady sady nanao soro fanomeza aomby ho ahy Yaveh ho fiombona aminy. ⁶Nala Mosesy ty antsasa ty lio ka le nanoviny tanay ty koveta bevata zay; sady ty antsasakiny koa narakiny tamy ty alitara eo. ⁷Nalany ty boky ty fanenkem-pilongoa sady nivakiny maré tamy olo lako rey. Hoasan-drozy hozao: "Hanovinay iaby ze nivolan'Yaveh rey. Ho mpankató zahay." ⁸Sady nala Mosesy ty lio ka le nandaraky tamy ty olo lako rey eo. Hoy ie hoe: "Toy ro lio ty fanenkem-pilongoa ze nanovy Yaveh taminareo amy ty fanomeza fampanantena miaraky amy safa iaby zao." ⁹Le niakatsy ty vohitsy i Mosesy, Arona, Nadaba, Abiho, sady fito-polo tamy olo bevatan'Israely rey. ¹⁰Nahita an-Janaharin'Israely ndrozy. Tambany tombokiny teo nisy rarivato vita baka amy ty vato safira, sady nazava manahaky ty lanitsy mihintsy zay. ¹¹Njanahary tsy nanampantsy ty tana tan-keloky tamy mpitariky ty Israelita. Nahita an-janahary ndrozy, sady nihina noho nino. ¹²Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Miaraky amiko eto amy ty vohitsy ka le mipetsaha eto. Hameako anao vato pisaky rey noho ty lalà sady lily ze fa nisoratako rey, mba hampianarinao ndrozy." ¹³Sady Mosesy niongaky niaraky tamy Josoa mpanampiny sady niaraky tam-bohitsin-Janahary any. ¹⁴Nivola tamy olo bevata rey Mosesy hozao: "Mijanona eto sady mandinasa anay zisiky himpolianay aminareo eto. Arona noho Hora ro miaraky aminareo. Laha misy olo mana fialia, enagao ie handeha amin-drozy any." ¹⁵Le nandeha hiakatsy am-bohitsy Mosesy, sady ty raho nanaro zay. ¹⁶Ty voninahitsy Yaveh nipetsaky tamy ty vohitsy Sinay, sady nanaro zay hanoma ty raho. Tamy ty andro fahafito le nikaiky an'i Mosesy baka anay raho any Ie. ¹⁷Ty fahita ty voninahitsy ty tompo ty vohitsy tamaso Israelita rey. ¹⁸Nilitsy tanay ty raho ao i Mosesy ka le niakatsy tam-bohitsy ty efa-polo andro noho efa-polo haliky ie.

Chapter 25

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao:² "Volano Israelita rey mba hangalaky fanomeza ho Ahly baka amy ty olo iaby ze nampandrisiky ty fony. Sady tsy maintsy rambesinao ho Ahly fanomeza rey.³Ndreto iaby ty fanomeza tsy maintsy rambesinareo baka amin-drozy: volamena, volafoty, sady saba; ⁴foly bolé, voloparasy sady mena; rongony foty maliniky; volon'aosy, ⁵holits'aondry lahy miloko mena noho holitsy koson-driaky; hazo akasia; ⁶solo-bonio ho ahy ty fananovan-jiro masy; raha-manitsy ho ahy ty solo-bonio fanosora sady lintan-kazo manday fofy;⁷ vato beryla noho vato sarotsy hafa mba hanovy amy ty efoda noho amy ty saron-tsatsa.⁸Engaho ndrozy hamboatsy fitoera masy ho Ahly mba hafahako miay amin-drozy eo. ⁹Tsy maintsy anovinareo manahaky ze ho atoroko anareo amy ty rafitsy ty tabernakely ao noho fiasà iaby rey.¹⁰Anovo manao fiondrana vita amy ty hazo akasia ndrozy. Tsy maintsy roe hakiho noho tampany ty halavany; raiky hakiho noho tampany ty sakany. ¹¹Tsy maintsy saronanareo amy ty volamena soa ty anainy ao noho ty ambalikiny, sady asio sisim-bolamena miodidy ty hahabony.

¹²Mamboatsy mason-drojo volamena efatsy hanovy amy zay, sady apetaho amy ty tomboky efatsy ty fiondrana, mason-drojo roe amy ty ilany, sady mason-drojo roe amy ty ilany raiky hafa. ¹³Mananova bao vita amy ty hazo akasia sady sorono volamena zay. ¹⁴Ampiliro amy mason-drojo rey amy ty sisy ty fiondrana eo bao rey, mba hilaña ty fiondrana.¹⁵Bao rey le tsy maintsy apetsako amy ty mason-drojo ty fiondrana eo; ray azo alà amy zay rey. ¹⁶Apetsaho amy azy fiondrana iny eo ty lily ty fanenkea ze hameako anareo. ¹⁷Mananova sarom-panavota vita amy ty volamena malio. Roe hakiho noho tampany ty halavany, sady raiky hakiho noho tampany ty sakany.

¹⁸Mananovakerobima volamena voatefy roe ho amy ty sakany eo azy sarom-panavota.¹⁹Mananova Kerobima raiky ho amy ty sakany azy sarom-panavota iny eo, sady Kerobima raiky hafa ho ahy ty sakany raiky hafa. Anovo raiky avao amy azy sarom-panavota iny rey. ²⁰Kerobima rey ro tsy maintsy mamelatsy ty elatsin-drozy miakatsy ka le manaloky ty sarom-panavota amy rey. tsy maintsy mifantsiky Kerobima rey sady manenty mana anivo azy sarom-panavota rey any.²¹ Anovo anabo azy fiondrana iny eo ty sarom-panavota sady apetaho amy azy fiondrana iny eo lalà ty fanenkea ze amea anao.²²Amy azy fiondrana iny ao ro misy hitojehako aminao. Anabo azy sarom-panavota iny eo ro toera hiresahako aminao. Anivo Kerobima roe rey eo anabo ty fiondrana ty vavolombelo eo ro hiresahako aminao mikasiky lily iaby ze hameako anao ho ahy Israelita rey.²³Mananova latabatsy vita amy hazo akasia. Roe hakiho ty halavany; raiky hakiho ty sakany, sady raiky hakiho noho tampany ty hahabony, ²⁴Sarono volamena malio zay sady rakofy volamena ty miodidy ty farany anabo.²⁵Mananova rafitsy raiky vodivoampelantana miodidy zay, sady asio sisim-bolamena ty rafitsy miodidy. ²⁶Manamboara mason-drojo volamena efatsy ho ahy zay sady fehezo amy ty zorony efatsy eo, ze misy ty tombony efatsy. ²⁷Tsy maintsy fehezy amy azy rafitsy iny mason-drojo rey mba hanomeza toera ho ahy bao rey, mba hilaña ty latabatsy.²⁸Anovo amy ty hazo akasia bao rey sady sarono amy ty volamena zay mba hafaha milanja azy latabatsy iny miarakany amy rey. ²⁹Anovo finga rey, inomo, fipetsaha divay sady finga boribory mba hampiasà hanillina raha finomy fanonomeza rey. Anovo amy ty volamena malio zay. ³⁰Asio mofy ty famonjea mandrakariva alohako eo amy ty latabatsy eo.

³¹Mananova fipetsahan-jiro vita amy ty volamena voatefy noho tsy miharo. Asio ty nofotsy noho ty tahony azy fipetsahan-jiro iny. Anovo mipitiky ho raiky kapoaky rey, kiboriny, sady folera rey. ³²Tsy maintsy misy sampany eny miboaky baka amy ty andaniny iaby---tsy maintsy misy sampany telo miboaky baka amy ty andaniny riaky, sady sampany telo amy azy fipetsahan-jiro any miboaky baka amy ty andaniny raiky hafa.³³Ty sampany velohany le tsy maintsy mana kapoaky telo manahaky ty Amanda mamelatsy, miarakany amy ty kiboro noho folera, sady kapoaky telo nanovy manahaky ty amandy mamelatsy amy ty sampany raiky hafa, miaeaky amy ty kiboro nohobfolera. Tsy maintsy mitovy amy azy fananovan-jiro iny. ³⁴Amy azy fananovan-jiro iny, anivo ty tahony eo, le tsy maintsy misy kapoaky efatsy nanovy manahaky ty amandy mamelatsy, miarakany amy kiboro nohobfolera rey.

³⁵Tsy maintsy misy kiboro raiky ambany ty sampany roe velohany reybeo---apitiky ho raiky amy zay, sady kiboro raiky ambany sampany roe faharoa rey eo---napitiky ho raiky amy zay avao koa. Mitovy amy zay le tsy maintsy misy kiboro raiky ambany ty sampany roe faha telo eo, napitiky ho raiky amy zay. Tokony hitovy sampany eny iaby miboaky amy ty fananovan-jiro rey eo. ³⁶Ty kiboro noho sampan-srozy ro tsy maintsy mipitiky ho raikyamy zay, namboary tamy ty volamena malio.³⁷Tsy maintsy manao azy fananovan-jiro iny noho jiro aminy ao rey nareo, ka le hametsaky jiro rey amy rozy mba ham-pazava avy amy zay. ³⁸Sady ty handesin-drozy noho fipetsahan-davenoky rey le tsy maintsy anovy amy ty volamena malio. ³⁹Mampiasà volamena malio talenta raiky mba hanamboara azy fananovan-jiro iny noho fiasany rey. ⁴⁰Kirio mba hanovy manahaky ty endriky ze hampitoroe anao am-bohitsy any zay.

Chapter 26

¹Enganie hanoamy ty siky folo vita amy ty rongony foty maliniky noho bolé, voloparasy, sady volon'aondry jaky miaraky amy soratsy ty Kerobima rey ty tabernakely. Zay ro ho asa ty mpanao asa tana tena mahay. ²Ty halava ty siky kirai-draiky le tsy maintsy folo roe amby hakiho,nty sakany efatsy hakiho. Ty siky iaby ro tsy maintsy mitovy habevata. ³Tsy maintsy hakelezy ty siky limy, sady ty siky limy hafa avao koa le tsy maintsy ahena. ⁴Mananova talim-barava bolé manaraky ty sisiny ambaliky ty tsikohy ty siky nahena raiky iha. Manahaky zay koa ro tsy maintsy anovanao mitovy manaraky ty sisiny ambaliky ty sisiny ty siky amy ty hajeliny faharoe. ⁵Engaho hanao talim-baravara dimampolo amy ty siky velohany eo iha, sady mananova talim-baravara dimampolo amy ty sisiny ty siky amy ty hakely faharoe. Anovo zay mba hifanatsiky talim-baravara rey. ⁶Mananova firango volamena dimampolo miaraky amin-drozy mba hanjary raiky ty tabernakely. ⁷Engaho hanao siky volon'aosy ho lay mameno ty tabernakely iha. Mananova folo raiky amby amy siky rey iha. ⁸Ty halavy ty siky kirai-draiky le tsy maintsy telopolo hakiho, sady ty sakany ty siky kirai-draiky ro tsy maintsy efatsy hakiho. Ty kiraikiraiky amy siky folo raiky amby rey le tsy maintsy mitovy habevata. ⁹Mampipitiky siky limy noho siky eny hafa miaraky. Aforeto ty siky eny aloha ty lay. ¹⁰Mananova talim-barava dimampolo amy ty fanany eo ty siky hakely raiky, sady talim-barava dimampolo amy ty sisiny ty farany eo ty siky faharoe. ¹¹Mananova firango saba dimampolo iha sady apetsaho anay ty talim-barava rey. Le hampipitiky ty lay miaraky iha mba ho raiky avao zay. ¹²amby ty antsasaky ty siky, zay hozao, ty amby ty ampahany mihoatsy amy siky ty lay rey, le tsy maintsy ahanto andabosiny ao ty tabernakely. ¹³Tsy maintsy misy raiky hakiho amy andaniny, sady raiky hakiho amy ty siky amy ty anilany eo ---ze amby ty halava ty lay ty siky le tsy maintsy ahanto amy lafiky ty tabernakely rey amy ty andaniny noho amy ty anilany, mba handrakotsy zay. ¹⁴Mananova fandrakofa vita amy ty angozin'aombilahy nilokoa mena ho ahy ty tabernakely, sady fandrakofa raiky hafa vita amy ty holitsy soa mba ho anabo zay eo. ¹⁵Mananova anaky hazo mahity amy ty hazo kasia ho ahy ty tabernakely. ¹⁶Ty halava ty anaky hazo kirai-draiky le tsy maintsy folo hakiho, sady ty sakany zay le tsy maintsy raiky noho sasany hakiho. ¹⁷Tsy maintsy misy fihantona hazo roe amy ty anaky hazo kirai-draiky hampiharoa anay hazo rey. Hanao anaky hazo ty tabernakely rey iaby manahaky zay iha. ¹⁸Lafa manao anaky hazo ho ahy ty tabernakely rey iha, le mananova anaky hazo ropolo ho ahy ty lafiny antimo. ¹⁹Mananova lela tomboky volafoty efapolo ambany ao anaky hazo ropolo rey iha. Tsy maintsy misy lela tomboky roa amby ty anaky hazo velohany mba ho lela tomboky roe zay, sady lela tomboky roe avao koa amby anaky hazo hafa kirai -draiky rey iaby ho lela tomboky roe rey. ²⁰Ho ahy ty lafiny faharoe ty tabernakely, amy ty lafiny avaratsy ao, mananova anaky hazo ropolo ²¹noho ty lela tomboky volafoty efapolo rey iha. Tsy maintsy misy lela tombokiny roe amby ty anaky hazo velohany, lela tombokiny roe amby ty anaky hazo manaraky, sady le manahaky zay zisiky any. ²²Ho ahy ty lafiny ambaliky ty tabernakely amy tyvafiny andrefa ao, mananova anaky hazo eny iha. ²³Mananova anaky hazo roe ho ahy ty zoro andabosy ty tabernakely. ²⁴Anaky hazo rey le tsy maintsy saraha amy ty ambany any , fa aharo amy ty tompony amy ty mason-drojo ray eo avao. Tsy maintsy manahaky zay ho an'i zoro roe an-dabosy ao. ²⁵Tsy maintsy misy anaky hazo valo, miaraky amy lela tomboky volafoty. Tsy maintsy misy fototsy folo enin'amby ty fiharoany, lela tombokiny roe amby ty anaky hazo velohany, lela tombokiny roe amby ty anaky hazo manaraky, sady manahaky zay zisiky any. ²⁶Mananova bara hazo Akasia iha---limy hobahy anaky hazo amy ty andaniny ty tabernakely, ²⁷bara limy ho ahy anaky hazo amy ty anila ty tabernakely, sady bara limy ho ahy anaky hazo amy ty sisiny an-dabosy ty tabernakely andrefa eo. ²⁸Ty bara anivo anaky hazo rey eo, ze, antenatenany anabony, le tsy maintsy mahatsatsy ty farany iaby. ²⁹Rakofanao amy ty volamena anaky hazo rey. Anovinao ho volamena ty mason-drojo rey, mba hampiasà ho fitandraha ty bara rey, sady rakofanao amy ty volamena bara rey. ³⁰Manangana ty tabernakely amy ty fanaraha ty drafitsy naseho anao tam-bohitsy eny. ³¹Mananova siky bolé, voloparasy, sady volon'aondry jaky, noho rongony foty maliniky, miaraky amy ty soratsy Kerobima, asà ty mpiasa tena mahay. ³²Ahantono amy andry hazo eo akasia efatsy voarakotsy volamena rey zay. Andry rey ro tsy maintsy mana fihantona volamena voapetsaky amy lela tomboky volafoty efatsy rey eo. ³³Ahantono ambany ty firango ty siky, sady ampilirinao ao ty fiondrana ty vavolombelo. Ty siky ro nanovy hampisaraky ty toera masy amy ty toera masy marina. ³⁴Apetsaho amy ty fiondrana ty vavolombelo eo ty sarom-panavota, ze amy ty toera masy marina eo. ³⁵Apetsaho ambaliky ty siky ty latabatsy. Apetsaho tandrify ty latabatsy amy ty sisiny antimo ty tabernakely eo ty fananovan-jiro. Ty latabatsy ro tsy maintsy amy ty sisiny avaratsy ao. ³⁶Mananova vala siky ho filira amy ty lay iha. Anovinao amy ty bolé, voloparasy, noho mena sady rongony foty maliniky vitatsanaky zay, ze asà ty mpitsebiky. ³⁷Ho ahy ty vala siky, mananova andry akasia limy sady fandrakofa amy ty volamena rey. Ty firango le tsy maintsy volamena, mandrendreha lele tomboky saba limy ho ahy rey iha.

Chapter 27

¹Anovo amy ty akasia ty alitara, limy hakiho ty halavany sady limy hakiho ty sakany. Ho efatsy-zoro ty alitara sady telo hakiho ty haabony. ²Asio tsifa maranitsy manahaky tsifan'aomby ty zorony efatsy. Hapitiky ho raiky amy ty alitara tsifa rey, sady petaho takelan-tsaba rey. ³Manamboara fiasà ho ahy ty alitara: le valanin-davenoky, sady koa fandraofa, koveta bevata, sotso tatakay, sady valany fandaisa afo, Saba iaby ro hananovanao fiasà iaby rey. ⁴Manamboara makarakara ho ahy ty alitara, harato saba. Manamboara mason-drojo saba ho ahy zoro efatsy rey ty makarakara. ⁵Anovo ambany ty rindry eo ty alitara ty makarakara, bakeo antenantenany zisiky ambany any. ⁶Mananova bao ho ahy ty alitara, bao vita amy ty hazo akasia, sady rakofa amy ty saba rey. ⁷Tsy maintsy anovy anay mason-drojo ty bao, sady bao le ho amy ty sisiny roe amy ty alitara eo, mba hilanja azy. Anovo poakaty ty alitara, amy ty hazo pisaky. ⁸Anovo manahaky ze naseho anao tam-bohitsy ao zay. ⁹Mananova kianja ho ahy ty tabernakely. Amy ty lafiny antimo ty kianja eo le hisy vala siky, vala siky rongony foty maliniky voatenona mimetatsy zato hakiho. ¹⁰Asio andry ropolo vala siky rey, miarakay amy ty lela tomboky saba ropolo. Hisy firango avao koa apetsaky amy andry eo, sady koa fihantona volafoty. ¹¹Hanahaky zay koa amy ty lafiny avaratsy, hisy vala siky mimetatsy zato hakiho misy andry ropolo, lela tomboky saba ropolo, sady apetsaho amy andry eo, sady fihantona volafoty. ¹²Amy ty lafiny andrefa amy ty kianja le hisy siky mimetatsy dimampolo hakiho ty halavany. Le mananova andry folo, sady lela tomboky folo. ¹³Anovo dimam-polo hakiho avao koa ty halava ty kianja amy ty lafiny antinana any. ¹⁴Ty vala siky amy ty lafiny raiky amy ty filira ro tsy maintsy anovy folo limy amby hakiho ty halavany. Tsy maintsy miarakay amy ty andry telo noho lela tomboky telo rey. ¹⁵Amy ty lafiny raiky eo koa le hisy vala siky mimetatsy folo limy amby hakiho ty halavany. Tsy maintsy miarakay amy andriny telo rey noho lela tomboky telo rey. ¹⁶Siky mimetatsy ropolo hakiho ro varavara ty kianja. Fiasà bolé, voloparasy, sady mena noho rongony foty maliniky voatenona, asà ty mpanao petam-poly ro hananova ty siky. Tsy maintsy miarakay amy ty andry efatsy noho lela tomboky efatsy zay. ¹⁷Ty andry ty kianja iaby le tsy maintsy hasia fihantona volafoty, firango volafoty, sady lela-tomboky saba. ¹⁸Ho zato hakiho ty halava ty kianja, dimam-polo hakiho ty sakany, sady ho limy hakiho koa ty haabony miarakay amy ty vala siky rongony foty maliniky, sady lela -tomboky saba. ¹⁹Ty fiasà iaby ze hampiasanao amy ty tabernakely ao, noho ty fihantonan-day iaby amy ty tabernakely noho ty kianja le tsy maintsy anovy amy ty saba. ²⁰Enganie iha hibeko ty olo lakon'Israely mba handay menaky oliva, malio sady nifiazy, ho ahy ty jiro mba hirehetany mandrakariva rey. ²¹An-tsano lay fitojeha ao. anivo ty siky ze aoloha ty tabernakely ze misy ty fiondrana ty vavolombelo ao, ro andreheta Arona noho anakilahiny rey jiro anila Yaveh eo, manomboky ty hariva zisiky maray. Nafepetsy zay ro ho lalà ela mameno ty tariha ty olo lakon'Israely.

Chapter 28

¹Kaihy ho aminao eo i Arona rahalahinao noho anany rey---le i Nadaba, Abiho, Eleazara, sady Itamara---hiala amy Israelita rey eo mba hafahan-drozy manompo Ahy ho mpisoro. ²Tsy maintsy manamboatsy akanjo voatoka ho Ahy, ho an'i Arona rahalahinao iha. Ho voninahitsy noho famirapiratsy ho androzy akanjo rey. ³Tsy maintsy mivola amy olo ze hendry rey am-po, le rozy ze natsehiko ty Fanahy ty fahendrea iha, mba hahafan-drozy mamboatsy ty akanjon'i Arona hanoka azy hanompo Ahy ho mpisoroko. ⁴Ty akanjo ze tsy maintsy amboarin-drozy le saron-tsatsa, efoda, akanjo lava, akanjo tenom-boaroy, hamama, sady santira. Tsy maintsy manamboatsy akanjo ze hanokana azy rey ho Ahin-drozy. Anovy ho an'i Arona rahalahinao noho anany zay mba hanompoany Ahy rey ho pisoro. ⁵Tsy maintsy mampiasa rongony foty maliniky ze volamena, bolé, voloparasy, sady jaky mena mpanao raha rey. ⁶Engaho ndrozy hanamboatsy ty efoda amy ty volamena, bolé, voloparasy sady volon'aondry jaky, sady rongony foty maliniky voatsanaky. Tsy maintsy asany ty mpanao raha za-draharaha zay. ⁷Engaho hisy saron-tsiraky roe mipitiky amy sisiny anabo eo. ⁸Ty santira tsanaky maliniky le tsy maintsy hanovy manahaky azy efoda iny; tsy maintsy anovy amy ty an-tsasan-tsiaky baka amy azy efoda iny, vita amy ty rongony foty maliniky ze volamena, bolé, voloparasy sady jaky mena zay. ⁹Engaho hangalaky vato beryla roe iha ka le hampipitiky ty anara anak'Israely folo roe amby lahy rey amy zay eo. ¹⁰Ty eny amy ty anaran-drozy le tsy maintsy hanovy amy ty vato raiky eo, sady ty eny hafa koa le amy ty vato raiky hafa eo, samby manahaky ty filahara ty nahaterahany iaby. ¹¹Amy ty asa ty mpisokitsy vato, manahaky ty sari-sokitsy amy ty tompô, ro tsy maintsy hampitiha ty anara anak'Israely folo roe amby lahy rey amy vato roe rey eo. Engaho hapitikinao amy ty randram-bolamena vato rey. ¹²Engaho hanovinao amy saron-tsoroky efoda rey eo vato roe rey, mba ho vato fahatiaroava an'Yaveh ty amy anak'Israely rey. Arona ro handay ty anaran-drozy an-tsirokiny eo anila Yaveh eo ho fahatiarova Azy. ¹³Mananova fipetsaha vita amy ty volamena ¹⁴noho tsy miharo roe nitaly manahaky ty taly, sady hafehy amy fipetsaha ty rojo rey eo. ¹⁵Mananova saron-tsatsa ho ahy ty fanampahan-kevitsy, asa ty mpiasa za-draharaha, namboaru manahaky ty efoda. Amboary amy ty volamena, bolé, voloparasy sady volon'aondry jaky, noho amy ty rongony foty maliniky zay. ¹⁶Tokony ho efatsy zoro zay. Aforeto roe saron-tsatsa rey. Tokony ho raiky zehy ty halavany sady raiky zehy ty fivelarany. ¹⁷Asio andalam-batosoa sarotsy efatsy amy zay eo. Ty andala velohany le tsy maintsy misy karelia, topaza, sady emeralda mena. ¹⁸Ty andala faharoe koa le tsy maintsy misy emeralda, safira, sady diamondra. ¹⁹Ty andalany fahatelo le tsy maintsy asia opla, agata, sady ametysta. ²⁰Ty andalany fahaefatsy le tsy maintsy misy beryla, noho krysolita sady jaspy. Tsy maintsy hampifanongoa amy ty randram-bolamena zay. ²¹Alaharo manahaky ty anara anak'Israely folo roe amby lahy rey, samby manahaky ty anarany iaby vato rey. Tokony hanahaky ty sari-tsokitsy amy ty peratsy fitomboky eo rey, sady ty anarany kirai-draiky iaby le manambara ty raiky amy foko folo roe amby rey. ²²Asio rojo volamena malio voataly manahaky ty taly, amy ty saron-tsatsa eo. ²³Manamboara mason-drojo volamena roe ho ahy ty saron-tsatsa sady apetaho amy ty zoro ty saron-tsatsa roe rey eo. ²⁴Apetaho amy ty zoro ty saron-tsatsa roe rey eo rojom-bolamena roe rey. ²⁵Apetaho amy fametsaham-bato roe rey eo ty horo ty rojo voataly. Bakaeo apetaho amy saron-tsoroky eo ty efoda alohany rey eo zay. ²⁶Manamboara mason-drojo volamena roe, sady apetaho amy ty zoro saron-tsatsa roe hafa eo zay, amy ty sisiny anila ty zorony anainy eo. ²⁷Manamboara mason-drojo volamena roe hafa iha, apetaho amy ty farany ambany eo saron-tsoroky roe aloha ty efoda rey eo, manahaky ty tsebiky fipirihany anabo ty santira voatsanaky efoda eo zay. ²⁸Afehezo amy ty mason-drojony eo amy ty mason-drojony efoda, amy ty alala ty foly bolé ty saron-tsatsa, mba hipitiha say anabo eo ty santira voatsanaky efoda. Nanao zay mba tsy hiombotsy amy ty efoda ty saron-tsatsa. ²⁹Lafa mandeha amy ty fipetsaha masy ao Arona, le tsy maintsy manday ty anara olo lakon'Israely rey eo amy ty mbo amy ty saron-tsatsa ao fanapahan-kevitsy, mba ho fahatiarova ela anila Yaveh eo. ³⁰Engaho apetsako amy ty saron-tsatsa ao fanapahan-kevitsy ty Orima noho ty Tomima, mba ho amy ty fo Arona eo zay lafa militsy anila Yaveh eo ie. Amy zay i Arona le handay ty fomba andesy manapa-kevitsy ho ahy ty olo lakon'Israely am-pony so lalandava anilan'Yaveh eo. ³¹Anovo amy ty siky voloparasy tanteraky ty akanjo lava efoda. Tsy maintsy misy fitsofoha ty loha anivo zay eo. ³²Engaho hisy sisiny voatsanaky miodidy ty vozony zay mba tsy hotataky. Tsy maintsy anjarany ty mpapitsanaky asa zay. ³³Amy ty sisin-tombony eo, le enganie hasianao sarin'ampongan-danitsy bolé, voloparasy, sady jaky mena manodidy azy. Lakilosin-Janahary ro tsy maintsy manelanela zay. ³⁴Tsy maintsy misy lakilosy volamena le amponaben-danitsy, lakilosy volamena le ampongaben-danitsy---sady manahaky zay zisiky any---manodidy ty sisin-tombony ty akanjo lava. ³⁵Tokony hananova Arona azy akanjo lava iny lafa manompo ie, mba ho ré ty feo zay lafa militsy amy ty fipetraha masy anila Yaveh eo ao noho miboaky ie. Nanovy zay mba tsy ho maty ie. ³⁶Manamboara takela-bolamena tsy miharo ka le asio soratsy amy zay eo, manahaky ty soratsy amy ty tampô eo hoe: "Masy ho an'i Yaveh." ³⁷Apetaho amy ty foly bolé aloha ty hamama eo takela-bolamena io. ³⁸Enganie ho amy ty anabo handry Arona eo zay; tsy maintsy manday ze heloky

iaby mety hiaraky amy ty faritsy ty fanomeza masy ze hatoka ty Israelita ho an'i Yaveh sisiky any ie. Enganie ho anabo ty handry san'andro san'andro ty hamama mba hanenkeany Yaveh ty fanomezan-drozy.³⁹ Manamboara akanjo vita amy ty rongony foty maliniky iha, sady Manamboara hamama vita amy ty rongony foty maliniky. Engaho avao koa iha hanao santira, ze anjara ty asa ty mpanao mpitsebiky.⁴⁰ Ho ahy ty anaky Arona koa ro tsy maintsy manamboatsy fisikina, santira, sady foloara iha ho voninahitsy noho famirapiratsin-drozy. ⁴¹Enganie hampisikininao i Arona rahalahinao, noho ty anany rey. Tsy maintsy manosotsy androzy, manamasy androzy, sady manoka androzy ho Ahy iha, mba hanompoan-drozy Ahy ho mpisoro.⁴² Manamboara anay akanjo vita amy ty rongony ho androzy mba hamarona ty nofotsy mitanjaky androzy, sady hanarona androzy manomboky baka amy ty valaha eo ka zisiky amy ty fe eo. ⁴³ Tsy maintsy manao akanjo Arona rey noho anany rey lafa militsy amy ty tsano lay fitojeha ao na lafa mamonjy ty alitara mba hanompo amy ty fipetraha masy ao. Tsy maintsy manao zay ndrozy mba tsy ho meloky, laha tsy zay ndrozy le ho maty. Lalà ela ho ahy Arona noho tariha farany azy rey zay.

Chapter 29

¹Sady zao ro tsy maintsy anovinareo mba hanokananareo androzy ho ahy mba hanompoan-drozy Ahy ho mpisoro. Mangalà vantots'aombilahy noho aondrilahy roe tsy misy hanja, ²mofo tsy misy lalivay, sady gatô tsy misy lalivay nasia menaky. Mangalà avao koa mofo matify tsy misy lalivay voahosotsy menaky. Mananova mofo matify amy ty famboara ty lafariny varim-bazaha. ³Anovo anay sobiky raiky rey, andeso anay ty sobiky rey, sady ameo miarakany amy azy vanton'aombilahy iny noho aondrilahy roe rey. ⁴Tsy maintsy manday an'i Arona noho anany rey amy filira amy ty lay fitojeha eo nareo. Tsy maintsy manasa an'i Arona noho anany rey amy ty rano eo iha. ⁵Tsy maintsy mangalaky akanjo rey sady mampisiky an'i Arona amy ty akanjo lava, akanjo misy ty efoda, ty efoda, sady ty saron-tratra nareo, mampipitiky ty santira vita amy ty tenona-matify efoda manodidy azy. ⁶Tsy maintsy memetsaky ty satsoky amy ty lohany sady mametsaky ty satso-boninahitsy masy anabo azy satsoky iny eo. ⁷Bakeo le mangala ty menaky fanosora sady oriho amy ty lohany eo, zay ro fomba hanosora azy. ⁸Nareo le tsy maintsy manday anany rey sady mampisiky akanjo lava androzy. ⁹Tsy maintsy mampisiky akanjo an'i Arona noho anany rey amy ty saron-tsatsa sady mametsaky foloara amin-drozy nareo. Hoan-drozy ty asa fisorona. Amy fomba zay le tsy maintsy hanoka an'i Arona noho anany rey mba hanompo Ahy nareo. ¹⁰Tsy maintsy handay ty vantots'aombilahy anila ty lay fitojeha eo iaby nareo, sady i Arona noho anany rey le tsy maintsy mametsaky ty tanan-drozy amy ty lohany zay. ¹¹Tsy maintsy mamono ty vantots'aombilahy anila Yaveh eo amy ty filira amy ty lay fitojeha eo nareo. ¹²Tsy maintsy mangalaky antsasany amy ty lio ty vantots'aombilahy nareo sady mametsaha zay amy ty rantsan-tananareo amy tsifa ty alitara rey, sady tsy maintsy mandraraky ty amby ty lio amy ty fototsy ty alitara eo. ¹³Tsy maintsy alanareo ty sabora iaby ze nandrakotsy ty anainy ao, alao avao koa ty sabora ze nandrakotsy ty aty noho voa roe rey; orô amy ty alitara iaby eo zay. ¹⁴Fa ty nofotsy ty tain-drirohany, le tsy maintsy oroanareo ambaliky ty toby any. Hosoro noho ty fahota zay. ¹⁵Tsy maintsy mangalaky ty aondry lahy avao koa nareo, sady i Arona noho anany rey le tsy maintsy mametsaky ty tanan-drozy amy ty loha zay eo. ¹⁶Tsy maintsy vononareo ty aondry lahy, sady mangalà ty liony noho mandraraky zay amy ty sisi ty alitara iaby. ¹⁷Tsy maintsy tapatapaha azy aondrilahy iny sady sasanareo ty anainy ao nohobty tombony, sady tsy maintsy apetsakinareo, miarakany amy ty fa vita tapaky noho ty lohany, amy ty alitarany eo tanainy ao. ¹⁸Bakeo orô iaby azy aondry iny. Ho fanomeza oroa ho an'Yaveh zay, hanitsy soaso, fanomeza nanovy tany ty afo ho an'Yaveh. ¹⁹Tsy maintsy mangalaky azy aondrilahy hafa iny nareo bakeo, sady Arona noho anany rey le tsy maintsy mametsaky ty tanan-drozy amy ty lohany rey eo. ²⁰Sady tsy maintsy mamono azy aondrilahy iny noho mangalaky ampahany amy ty liony nareo. Anovo amy ty vohitsy ty ravin-tsofy ankavana eo i Arona zay, sady amy ty vohitsy ty ravin-tsofy ankavana eo anany rey, amy ty kiki-be ty tana ankavanan-drozy eo, noho amy ty lkiki-betomboky ankavan-drozy eo. Bakeo le tsy maintsy mandrakaky ty lio amy ty sisi ty alitara nareo. ²¹Tsy maintsy mangalaky ampahany amy tyvlionze amy tyvalitara eo noho ampahany amy ty menaky fanosora nareo, sady mandraraky iaby zay amy Arona noho ty akanjony, amy anany noho ty akanjon-drozy avao koa. Le ho voatoka ho Ahy i Arona, mbamy fisikina rey, anany noho fisikinan-drozy rey. ²²Tsy maintsy alanareobty sabora azy aondrilahy iny, n.y sabora ty hohiny, ty sabora ze mandrakotsy ty anainy ao, ty sabora ty aty, via roe rey noho ty sabora zay, sady ty fe ankavana safe aondry io le ho ahy ty mpisoro ze nihamasiny ho Ahy. ²³Mandrambesa mofo matify raiky amy ty sobiky ze misy mofo tsy misy lalivay ao ze anilan'Yaveh eo. ²⁴Tsy maintsy apetsanareo amy ty tana Arona eo noho ty tana anany rey zay sady anovo mirabiraby anilako eto rey mba ho fanomeza arabiraby anila Yaveh eo. ²⁵Tsy maintsy mangalaky ty hany baka amy ty tanan-drozy rey eo nareo bakeo sady mandoro say miarakany amy ty fanomeza oroa amy ty alitara eo. Hampiboaky hanitsy soaso zay; ho fanomeza nanovy tany ty afo ho Ahy zay. ²⁶Tsy maintsy mangalaky ty tsatsa ty aondrilahy fanokana an'i Arona nareo sady mandrabiraby zay ho fanomeza arabiraby anila Yaveh eo, ka le ho anjaranareo zay. ²⁷Tsy maintsy atokanareo ho Ahy ty tsatsa ty fanomeza ze narabiraby, sady ty fe ze anjara mpisoro rey—ty tsatsa ze narabiraby noho ty fe ze anjara Arona noho anany rey. ²⁸Ho lily zisiky farany ho an'i Arona noho anany rey zay. Ho fandrambesa anjara ty olon'Israely rey ty manome amy ty fanomezam-pilongoa ho an'i Yaveh. ²⁹Fisikina masy i Arona rey le tsy maintsy voatoka ho an'i anany mandimby azy rey. Ndrozy ho voahosotsy amin-drozy ao sady voatoka ho Ahy amin-drozy ao. ³⁰Ty mpisoro ze mandimby azy amy anany rey eo, ze avy amy ty lay fitojeha ao mba hanompo Ahy amy ty toera masy ao, le tokony hanao fisikina anay ty fito andro rey. ³¹Tsy maintsy mangalaky ty aondrilahy ho ahy ty fametsaha ty mpisoro ho Ahy noho ty miketsiky ty hena zay amy ty toera masy ao nareo. ³²Arona noho anany rey le tsy maintsy mihina ty hena ty aondrilahy noho ty mofo ze tanay ty sobiky tany ty filira mana amy ty lay fitojeha ao. ³³Ndrozy ro tsy maintsy mihina ty hena noho ty mofo ze namea mba hanorena androzy noho hanoka androzy, mba ho voatoka ho Ahy. Tsy misy olo hafa tokony hihina ty haniko, safe ndrozy le tsy maintsy manao zay manahaky ty hoe nihamasiny ho Ahy, natoka ho Ahy. ³⁴Laha misy ambiny amy ty maray hena ty fanomeza

fanokana rey, na ze mofo iaby, le tsy maintsy oroanareo zay. Tsy azo hany sasy zay safe fa natoka ho Ahy.³⁵ Amy fomba zay, amy ty alala ty fifanaraha ze iaby nibekoako hanovinareo, ro tsy maintsy handaisanareo an'i Arona noho anany rey. Anay ty fito andro rey ro tsy maintsy homaninareo.³⁶ Isan'andro nareo le tsy maintsy manome aombilahy ho fanomeza noho ty fahotanareo mba ho fanavota. Tsy maintsy manalio ty alitara amy ty alala ty fananova fanavota amy zay eo nareo, sady nareo le tsy maintsy manosotsy mba hanoka zay ho Ahy.³⁷ Anay ty fito andro le tsy maintsy manao fanavota amy ty alitara eo noho manoka zay ho an'i Yaveh nareo. ka le ho voatoka iaby ho Ahy ty alitara. Ze iaby mikasiky ty alitara le ho voatoka ho an'i Yaveh.³⁸ Tsy maintsy hameanareo amy ty alitara isan'andro tsy tapaky rey ty anak'aondry herintao.³⁹ Ty anak'aondry raiky le tsy maintsy amea amy ty maray, sady ty anak'aondry raiky hafa le tsy maintsy amea ho amy ty filenteha ty masoandro eo.⁴⁰ Amy azy anak'aondry velohany iny, le manomeza koba matify impolo ty efaha nafangaro tamy tyvsolo-bonio ampahaefatsy ty hina baka amy ty oliva nifiazy, sady divay ampahaefatsy ty hina mba ho raha inomy fanomeza.⁴¹ Tsy maintsy manome ty anak'aondry faharoe nareo ho amy ty fiposaha ty masoandro eo. Nareo le tsy maintsy manome fanomeza hahany manahaky amy ty maray, noho raha inomy fanomeza. Hiteraky hanitsy soaso ho Ahy rey; ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho Ahy zay.⁴² Tsy maintsy fanomeza oroa tsy tapaky amy ty tarihanareo rey, amy ty filira amy ty lay fitojeha ao anila Yaveh eo, ze hitojehako aminao noho hiresahako aminao.⁴³ Any ro hitojehako amy Israelita rey, ty lay ro hatoka ho Ahy amy ty alala ty voninahitsiko.⁴⁴ Hanokana ty lay fitojeha noho ty alitara ho an'i ze Ahy manoka zaho. Hanoka an'i Arona nohobanany rey mba hanompo Ahy ho ty mpisoro avao koa zaho.⁴⁵ Hiay amy Israelita rey eo Zaho sady ho Njanaharyin-drozy.⁴⁶ Ho hain-drozy fa Zaho ro Yaveh, Njanaharin-drozy, ze nanday androzy niboaky ty tang Egypta mba hafahako miay amin-drozy eo. Zaho ro Yaveh, Njanaharin-drozy.

Chapter 30

¹Manamboara alitara hanoroa lintan-kazo manitsy. Anovo amy ty hazo akasia zay. ²Tokony raiky hakiho ty halavany, sady raiky hakiho ty sakany. Tokony ho efatsy zoro zay, sady ty haabony le tokony ho roe hakiho. Sady tokony hanovy reiky aminy ty tsifany. ³Rakofa lintan-kazo manitsy ty alitara miaraky amy ty volamena malio---ty haabony, sisiny rey, sady tsifany rey. Asio sisim-bolamena ty miodidy azy. ⁴Mananova mason-drojo volamena roe hafehy aminy ambany ty sisiny ao amy sisiny roe mifanandrify aminy ao. Azy mason-drojo le tokony hitandraky ty bao mba hilanja ty alitara iny. ⁵Mananova bao amy ty hazo akasia, sady fonoso amy ty volamena rey. ⁶Tokony apetsanao aloha ty siky eo ze anila ty fiondrana ty vavolombelo ty alitara ty lintan-kazo manitsy. Zay ho aloha ty sarom-panavota eo ze amy ty fiondrana ty vavolombelo eo, ze hitojehako aminareo. ⁷Engaho handoro lintan-kazo manitsy isaky maray i Arona. Engaho lafa mitandraky jiro rey ro handoro zay ie, ⁸sady handrehitsy ty jiro ndraiky i Arona amy ty hariva mba hirehitsy tsy tapaky anila Yaveh eo ty lintan-kazo manitsy, zisiky amy tarihanao. ⁹Fa engaho tsy hanome lintan-kazo manitsy hafa amy ty alitara ty lintan-kazo manitsy iha, na koa fanomeza oroa na fanomeza vary. Mba ka mandrakany fanomeza finomy amy zay eo iha. ¹⁰Engaho hanao fanavota indraiky mandeha isan-tao amy tsifa rey eo i Arona. Amy ty alala ty lio ty fanomeza noho ty ota ro hananovany fanavota indraiky mandeha isan-tao ho an'i zay ho amy ty tarihanao farany. Zay ro voatoka tanteraky ho an'i Yaveh. ¹¹"Yaveh nivola tany Mosesy nanao hozo: ¹²"Laha mangalaky ty fanisaha an'i Israelita rey iha, le tokony manome vilim-panavota ty ainy ho an'Yaveh iaby ty olo kirai-draiky. Anovo zay lafa baka manisaky androzy iha, mba tsy hisia ty arety mandrava amindrozy eo lafa manisaky androzy iha. ¹³Olo iaby ze voa hisaky amy ty fanisaha ty olo lako rey eo le handoa antsasaky ty sekely volafoty, manahaky ty lanja ty sekely ty fipetsaha masy (ty sekely le mitovy amy ty gera roapolo). Ty antsasaky sekely io ro hanovy ho fanomeza ho an'Yaveh. ¹⁴Olo iaby ze voa hisaky rey, zisiky amy ty roa-polo tao misonjotsy, ro tsy maintsy mandoa fanomeza ho Ahy io. ¹⁵Lafa hanome fanomeza zay ho Ahy ty olo hananova fanavota ty ain-drozy, le tsy tokony handoa mandilatsy ty antsasaky sekely ty manan-kanana, sady ty mijaly tsy handoa latsaky. ¹⁶Tokony handramby jala fanavota baka amy Israelita rey zay iaha sady tokony handay zay amy ty asa amy ty tsano lay fitojeha ao. Engaho ho fampahatiarova ho an'i Israelita rey anilako eo zay, mba hananova fanavota ho ahy ty ainareo. ¹⁷Yaveh niresaky tany ty Mosesy sady nivola hozo: ¹⁸"Mananova koveta bevata saba avao koa miaraky amy ty tsangan-tsaba raiky, koveta raiky ho fanasà. Apetsanareo anivo ty tsano lay fitojeha noho ty alitara eo zay, sady asio rano anainy ao. ¹⁹Sady Arona noho anakilahiny rey ro tokony hanasa ty tanany noho ty tombon-drozy amy ty rano anainy ao zay. ²⁰Lafa handeha ho amy ty tsano lay fitojeha ao ndrozy na lafa handeha hanariny ty alitara mba hanompo Ahy amy ty alala ty fandoro fanomeza, le tsy maintsy miasa amy ty rano ndrozy mba tsy ho maty. ²¹Tsy maintsy manasa ty tanany noho ty tombon-drozy mba tsy ho maty. Engaho ho lalà ela ho ahy Arona noho tarihany rey sady zisiky amy tariha fara-mandimbin-drozy rey zay. ²²Niresaky tany Mosesy Yaveh nivola hozo: ²³"Rambeso raha manitsy soa reto: miora-mitete diman-jato sekely, kanely manitsy 250 sekely, fosiky manitsy 250 sekely, ²⁴kasia diman-jato sekely, nimetany tany ty lanja ty sekely ty fipetsaha masy, noho menaky oliva raiky hina. ²⁵Mananova menaky fanosora masy miaraky amy firango rey, ze asa ty mpangaroharo raha manitsy. Ho menaky fanosora masy zay, voatoka ho Ahy. ²⁶Engaho hosoro amy menaky io ty tsano lay fitojeha, manahaky zay koa ty fiondrana ty vavolombelo, ²⁷Latabatsy mbamy ty enta iaby rey eo anabony eo, ty fipetsahan-jiro sady fiasa rey, sady ty alitara ty lintan-kazo manitsy, ²⁸ty alitara fanomeza oroa mbamy ty fiasa iaby rey, sady ty koveta bevata miaraky zmy ty tombony. ²⁹Atokano ho Ahy mba ho masy ho Ahy rey. Ze iaby mikasiky androzy avao koa le ho masy. ³⁰Enganie hosoronao i Arona noho anakilahiny rey ka le atokano ho Ahy ndrozy mba hanompo Ahy ho mpisoro. ³¹Enganie ho volaninao amy Israelita rdy hoe: 'engaho ho menaky fanosora voatoka ho an'Yaveh ho an'i ty tariha ty olo etoy. ³²Tsy azo hosorony amy ty holitsy ty olo zay, na manao menaky manahaky zay amy ty raikipohy mitovy, safe zay ro voatoka ho an'Yaveh. Fa tokony hanenty zay amy fombany zay iha. ³³Ndra ia ndra ia manao lintan-kazo manitsy manahaky zay, ndra ia ndra ia manisaky zay amy ty olo eo, le tsy maintsy halà hoala amy ty fireneny olo zay. ³⁴Hoasa Yaveh tany Mosesy: " mangalà raha manitsy---natafa, sekeleta, sady lebona-raha manitsy mamy ze miaraky amy ty lintan-kazo malio, anovo mitovy fatsa zay. ³⁵Anovo hanahaky ty lintan-kazo manitsy zay, nafangaro ty mpanao raha manitsy, miaraky amy ty sira, malio sady voatoka. ³⁶Hotorotorò hifangaro soa zay. Apetsaho aloha ty fiondrana ty vavolombelo eo zay, ze amy ty tsano lay fitojeha ao, ze hitojehako aminao. Sady nareo le handramby zay hanahaky ty masy bibiky ho Ahy. ³⁷Ty amy ty lintan-kazo manitsy ze hanovinao toy, le tsy tokony hanao raikipohy mitovy ho ahy ty vatanao iha. Tokony ho masy bibiky ho anao zay. ³⁸Ndra ia ndra ia manao raha manahaky zay hampiasa hanahaky zay hampiasa hanahaky ty rano manitsy le tsy maintsy halanao hiala amy ty fireneny olo zay."

Chapter 31

¹Hoy Yaveh tamy Mosesy hozao: ²Ingo, nikaihiko tamy ty anarany Bezalela analy Ori noho Ora, baka amy ty foko Joda any.³Nifenoako tamy ty fanahiko i Bezalela, mba hanomezako azy fahendre, fahazavan-tsay, sady fahaiza, ho ahy ty karaza asa tana iaby, ⁴mba ho famolavola ty kanto sady hiasa amy ty volamena, volafoty, sady saba; ⁵mba hanapaky noho hametsaky vato sady hanokitsy hazo avao koa—mba hanao karazan'asa tana iaby rey.⁶Fanamppy zay ho azy, nitinginiko i Oliaba anakilahy Ahisamatsa, baka amy ty foko ty Dana any. Nasiako fahaiza manao ty am-pony ao iaby ze hendry mba hahafahan-drozy manao ze iaby nibekoako anao. ⁷Tafilitsy amy zay ty tsano lay fitojeha, ty fiondrana ty fitsanganavavolombelo, ty sarim-panavota tanabo fiondra eo, sady ty lay iaby—⁸ty latabatsy iaby noho enta rey, ty fananovan-jiro malio miaraky amy fiasany rey, ty alitara ty lintan-kazo manitsy, ⁹ty alitara ty fanomeza oroa noho ty fiasany iaby, sady ty koveta bevata mbamy ty ambany.¹⁰Voakasiky zay avao koa ty akanjo voatsanaky matify—akanjo masy rey ho an'i mpisoro noho ty an'i anany rey, voatoka hobAhy mba hahafahan-drozy manompo ho mpisoro. ¹¹Voakasiky zay avao koa ty menaky fanosora noho lintan-kazo manitsy ho ahy ty toera masy. Lahilahy mpanao asa tana iaby rey le tsy maintsy hanao zay manahaky ze nibekoako anao. ¹²Yaveh niresaky tamy Mosesy sady nanao hozao: ¹³"Volano Israelita rey hoe: 'Tsy maintsy hajanareo vatany ty andro Sabatan'Yaveh, fa zay ro famantara aminy eo noho nareo mameno tariha ty olo lakonareo rey, amy ze mba ho hainareo fa Ie azy Yaveh iny, ze nanokana anareo ho Azy. ¹⁴Noho zay le tsy maintsy manaja ty Sabata nareo, amy ze tsy maintsy rambesinareo ho masy zay, sady voatoka ho Azy zay. Sady ze mandoto zay le tsy maintsy ho vonoa ho maty vatany. ¹⁵Ndra ia ndra ia miasa amy ty andro Sabata, le tsy maintsy hala amy ty olo lakony tokoa olo zay. Hanoviko anay ty enin'andro ty asa, fa amy ty andro faha fito le andro Sabata ze fijanona tanteraky, masy, natoka hofanaja an'i Yaveh. Ndra ia ndra ia miasa amy ty andro Sabata le ho vonoa vatany.¹⁶Noho zay Israelita rey le tsy maintsy manaja ty Sabata. Tsy maintsy miemby zay ho lala ela ndrozy mameno ty tariha ty olo lakony. ¹⁷Ty Sabata ro ho famantara amy Yaveh eo noho Israelita rey zisiky any, anay ty enin'andro ro nanovan'Yaveh ty lanitsy noho ty tany, sady tamy ty andro fahafito ro nijano Ie sady nangalaky at."¹⁸Lafa baka niresaky tamy Mosesy Njanahary tam-bohitsy Sinay eo, le nameany takelaky roe ty lilim-panenkea ie, vita tamy ty vato, voasoratsy tamy ty tanany avao.

Chapter 32

¹Lafa hita ty olo lako fa nitarendré ty hijotso baka am-bohitsy Mosesy any, le nivory nanodidy an'i Arona ndrozy ka le nanao taminy hozao: "Avia, mananova sampy ho anay mba hoaloha lala antsika. Fa laha ty amy ty Mosesy iny, ty lahilahy ze nanday antsika niakatsy baka amy ty tany Egipta any, le tsy hainay ze nahazo azy."² Le hoasa Arona tamin-drozy hoe: "Alao kiviro volamena ze amy ty sofy ty valinareo eo rey, noho amy ty sofy anakilahinareo noho anak'ampela eny iny, le andeso amiko eto zay."³ Le samby nangalaky kiviro volamena rey tany ty sofin-drozy eny iaby ty olo lako iaby ka le nanday zay tany Arona eny. ⁴Nandramby ty volamena baka amin-drozy, namolavola zay, sady nanao zay ho anak'aomby voavolavola. Le hoy tyvolonlako hozao: "Israely, toy ro Njanaharinao ze nanday anao nandeha baka amy ty tany Egipta ao."⁵ afa hita Arona zay, le namboatsy alitara taloha azy anak'aomby iny eo ie ka le nanao fanambara; hoasan-drozy: "Ho andr fifalefalea amy ty voninahitsy Yaveh hamaray." ⁶Nifoha maray ty olo lako ty maray io ka le nanome fanomezana oroa noho fanomezan-dongo. Bakeo le nipetsaky mba hihina noho hino ndrozy, sady nitsanga nanao fomba fankalazà tivativa. ⁷Bakeo Yaveh nivola tany Mosesy hozao: "Mandehana malaky, safe manao raty, ty olo lakonao, ze nandesinao niakatsy bakao amy ty tany Egipta." ⁸Nivio malaky tany ty lala ze nibekoa androzy rozy. Naminavina aomby kely ho androzy rozy ka le nanompo zay noho nanao soro ho an'i zay. Hoasan-drozy hoe: "Israely, toy to Njanaharinao ze nanday anao niakatsy bakao amy ty tany Egipta."⁹ Le hoasa Yaveh tany Mosesy hozao: "Fa hitako ty olo lako toy. Ingo, olo lako mahery hatoky ndrozy." ¹⁰Ka le amy zao, mba ka manaka Ahy sasy. Hirehitsy amin-drozy ty heloko, ka haravako ndrozy. Le hanao firenea bevata baka aminao Zaho." ¹¹Fa niezaky nampieny an'i Yaveh Njanahary i Mosesy. Hoy ie hizao: "Yaveh, nanino ty helokinano ro mirehitsy amy ty olo lakonao, ze nandesinao niakatsy baka amy ty tany Egipta any tany ty hery bevata noho tana mahery?" ¹²Nanino Egyptiana rey ro tokony hivola hozao: 'Fikasà raty ro nitarihany androzy hiboaky, mba hamonoa androzy am-bohitsy any noho handrava androzy hiala amy ty tany?' Milà amy ty helokinano sady ajanono fanasazia amy ty olo lakonao toy. ¹³Tiarovo Abrahama noho Isaka sady Israely, mpiasanao, ze nitahy anao ka le nivolaninao tamin-drozy hoe: "Hanatsiky ty tarihanareo toy ty basia an-danitsy eny Zaho, sady hameako ty tarihanareo ty tany iaby ze fa nivolaniko taminareo. Handova zay zisiky farany ndrozy." ¹⁴Bakeo le nilefity tany ty fanasazia ze nivolaniny fa hampisehoany amy ty olo lakony i Yaveh. ¹⁵Bakeo le nitoliky Mosesy sady nijotso bakam-bohitsy any, nanday tan-tany eny vato pisaky roe misy lalà ty fanenkea rey. Samby voasoratsy ty andaniny roe amy ty vato, ty aloha noho ty afara ao. ¹⁶Asan-Janahary manoka vato rey, sady sora-tanan-Janahary manoka ty soratsy voakosiky amy vato pisaky eo. ¹⁷Lafa re Josoa ty korakoraky olo lako ze nikoraky rey, le hoy ie tany Mosesy hozao: "Misy feo ty aly amy ty toby ao." ¹⁸Fa hoasa Mosesy hozao: "Tsy feo ty mpandresy reko zay, sady tsy feo ty olo resy, fa feon'olo mihira ro reko." ¹⁹Lafa namonjy azy toby iny Mosesy, le nahita azy anak'aomby iny noho olo lako nisindraky. Meloky maré ie. Natorakiny baka antany eny vato pisaky rey sady nitorony tambany ty vohitsy eny. ²⁰Nalany ty anak'aomby ze namboary ty olo lako, nioroany, sady nitorotorony ho lemboky, ka le nararakiny tany ty rano any. Bakeo nampinomy ty olo lakon'Israely zay. ²¹Le hoasa Mosesy tany Arona hozao: "Ino ro nanovy olo lako toy taminao, to le nandaisanao fahota bevata manahaky zao ndrozy?" ²²Fa hoasa Arona hozao: "Mba ka enga hirehitsy ty helokinano, tompoko. Hainao olo lako rey, ty fandrیشان-drozy raty." ²³Hoasa ndrozy tamiko hozao: 'Hanamboara Njanahary hoaloha lala ana zahay. Fa laha ty amy ty Mosesy iny, azy lahilahy ze nanday anay niakatsy baka amy ty tany Egipta any iny, le tsy hainay ze nahazo azy.' ²⁴Ka le hoasako tamin-drozy hozao: 'Ndra ia ndra ia mana volamena, le engaho ie hangalaky zay.' Namean-drozy ahy ty volamena le natorako tanay afo ao zay, sady baka amy zay ro nahazoa ty aomby kely toy." ²⁵Hita Mosesy fa nanao fandaisam-bata tsy mendriky olo lako rey (safe nenga Arona ho lisatsy ndrozy, nanenga fahavalondrozy rey hikizaky androzy). ²⁶Bakeo Mosesy nitsanga tany ty filira mandeha amy ty toby eo ao ka le nanao hozao: "Ndra ia ndra ia miarakany amy Yaveh, le mamonjea amiko eto." Nivory mioididy androzy Levita iaby. ²⁷Hoy ie tamin-drozy hoe: "Yaveh, Njanaharin'Israely, le nivola hoe: 'Enganie ty olo kirai-draiky hanao ty sabatsiny ho am-balahany eo sady hiriorio amy ty isam-baravara eo mameno ty toby, ka le hamono ty rahalahiny, ty namany sady ty namany aminy.'" ²⁸Nanovy Levita rey ze nibekoa i Mosesy. Tany ty andro io le tany ty telo arivo eo ro maty. ²⁹Hoy Mosesy tany Levita rey hozao: "Henakio le nanovy ho mpanompo Yaveh nareo, safe namono ty anakilahiny noho ty rahalahiny ty kirai-draiky aminareo, mba hanomezana Yaveh fitahia ho anareo henanio." ³⁰hamarainy le hoy Mosesy tany olon lako rey ho zao: "Nanao fahota bevata tokoa nareo. Amy zao le handeha ho amy Yaveh any zaho. Vasa mety afaky manday fanavota amy ty fahotananareo zaho." ³¹Le nimpoly tany Yaveh any i Mosesy ka le nanao hozao: "Eka! Nanao fahota bevata olo lako reto sady nanamboatsy sampy vita tany ty volamena ho ahy ty vatan-drozy." ³²Nefa amy zao, engao lahy ty fahotan-drozy; fa laha tsy zay, le alao amy ty boky ze nisoratako so ty anarako." ³³Hoasa Yaveh tany Mosesy hozao: "Ndra ia ndra ia nanota tamiko, le ho alako anay ty boky ao ty anara olo zay." ³⁴ka le mandehana amy zay, tariho ho amy ty toera

ze fa nivolaniko anao any ty olo lako. Ingo, hoaloha nao ty anjeliko. Fa amy ty andro hisaziako androzy, le ho saziky noho ty fahotany ndrozy." ³⁵ Bakeo Yaveh nandefa loza tamy olo lako rey eo safe ndrozy manamboatsy ty aomby kelikely, ze nanovy Arona.

Chapter 33

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Mialà eto, iha noho olo ze nandesinao niboaky ty tany Egipta rey. Mandehana amy ty tany ze nananovako fiaina tamy Abrahama any rey, tamy Isaka, sady tamy Jakoba, Lara nivola Zaho hozao: 'Hameako ho an'i tarihanao toy.' ²Haniraky anjely alohanao eo Zaho, sady Zaho handroaky Kananita rey, Amorita, Perisita, Hivita, sady Jebosita. ³Mandehana amy tany zay any, ze hirotsaha ty ronono noho tantely, fa tsy hiakatsy hiaraky aminareo Zaho, safe olo lako mahery loha nareo. Mety handrava anareo an-dala eny zaho." ⁴Lafa re ty olo lako safa nampanahira say rey, le nalahelo ndrozy, sady tsy nisy niambozo ravaky sady. ⁵Yaveh nivola tamy Mosesy hozao: "Volano amy Israelita rey hoe: 'Olo lako mahery nareo. Laha mandeha aminareo eo Zaho ndra ro fotoa raiky aza, le hadrava anareo Zaho. Ka le amy zao, alao ravakinareo rey mba hafahako manapa-kevitsy amy ze tokony hanovy aminareo.'" ⁶Le tsy niravaky rojo Israelita iaby rey tam-bohitsy Horeba. ⁷Nandramby lay i Mosesy sady nanory zay ambaliky ty toby, lavidavitsy ty toby. Nikaihy hozao ty tsano lay fitojeha zay. Ze iaby nangataky raha tamy Yaveh rey ro miboaky ka le mandeha amy ty tsano lay fitojeha ao, ambaliky ty toby. ⁸Lafa hiboaky bakao amy ty lay Mosesy, le nitsanga tamy ty filira eo amy ty lainy ao iaby olo lako rey sady nitsinjo an'i Mosesy zisiky hilirany anainy ao. ⁹Isaky ty nilitsy ty lay i Mosesy, le nijotso ty andry raho sady nitsanga tamy ty filira eo amy ty lay ao, le niresaky tamy Mosesy i Yaveh. ¹⁰Isaky ty mahita andry raho zay amy ty filira eo amy ty lay ao ty olo lako, ty olo iaby isaky ty filira amy ty lainy ao iaby. ¹¹Yaveh ro niresaky nifanatsiky tarehy tamy Mosesy, manahaky ty olo miresaky amy ty namany. Le nimpoly tan-toby any i Mosesy, fa i Josoa mpanompony anaky Nona, ze zatovo, le nijano tamy ty lay. ¹²Hoasa Mosesy tamy Yaveh: "Ingo, Iha nivola tamiko hozao: 'Andeso mandia olo rey,' nefa Iha tsy nanenga ahy hahay hoe ia ro hirahinao hiaraky amiko. Nivola Iha hozao: 'Zaho mahay anao amy ty anaranao, sady nahita fitea tamasoko teo koa iha,' ¹³Amy zao laha nahita fitea tamasonao teo zaho, atoro ahy ty lalanao mba hafahako mahay Anao sady hanohy hila fitea amasonao eo. Tiarovo fa olo lakonao ty firenea toy." ¹⁴Yaveh namaly hozao: "Ty famonjeako mihintsy ro hiaraky aminao, sady Zaho hanome anao fijanona." ¹⁵Hoy Mosesy taminy: "Laha tsy miarakay aminay Iha, le mba ka alanao eto zahay. ¹⁶Fa laha tsy zay, manao akory moa ro hahaiza fa nahita fitea tamasonao eo zaho, zaho noho olo lakonao rey? Moa va tsy ty handehananao miarakay aminay avao ro mampiavaky ahy noho olo lakonao rey amy ty firenea iaby ze anabo ty tany etoy?" ¹⁷Hoy Yaveh tamy Mosesy: "Hanoviko avao koa raha nangatahinao zay, fa nahita fitea tamasoko teo iha, sady mahay anao amy ty anara zaho." ¹⁸Hoasa Mosesy: "Mba atoro ahy lahy ty voninahitsinao." ¹⁹Hoasa Yaveh: "Ampandaloviko anilanao eo ty hasoako iaby, sady Zaho hanambara ty anarako 'Yaveh' anilanao eo. Haferinay ze hoferinesako zaho, sady haneho famalozam-po." ²⁰Fa hoy Yaveh: "Mety tsy hahita ty tarehiko iha, safe tsy misy afaky mahita Ahy ka le ho velo." ²¹Hoasa Yaveh: "Ingo, toy azy toera anilako eto iny; hitsanga anabo lafiam-bato io iha." ²²Laha mbo mandalo ty voninahitsiko, le apetsako an-tsefaky ty lafiam-bato iha sady horakofako ty tanako iha zisiky handalovako. ²³Le halako ty tanako, sady hahita ty am-bohoko iha, fa tsy ho hita koa ty tarehiko."

Chapter 34

¹Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Manamboara vato pisaky roe manahaky ty velohany rey. Hosoratako ao safa ze tanay ty vato pisaky velohany rey, le vato ze nivakinao rey. ²Mivonoa zisiky maray sady miakara am-bohitsy Sinay any, le atoro amiko anabo vohitsy eo ty vatanao. ³Tsy hisy olo hiaraky hiakatsy aminao. Ka le mba ka enga hisy olo hafa ho hita am-mbohitsy en. Engaho tsy hisy ndra biby haré ndra aomby aza hihina aloha ty vohitsy eo." ⁴Le namboary Mosesy vato pisaky roe manahaky ty velohany rey, sady nifoha maray ie ka nanjary niakatsy tam-bohitsy Sinay any, manahaky ty nibekoa Yaveh azy. Sady nandesy Mosesy tan-tany eny vato pisaky rey. ⁵Le nijotso tamy ty raho Yaveh ka nitsanga niaraky tamy i Mosesy teo, sady nanono ty anara hozao: "Yaveh" ie. ⁶Le nandalo taloha ny Yaveh ka le nanambara hozao: "Yaveh, Yaveh, Njanahary le mamalo fo noho miantsa, mahari-po, noho atsiaky fatokisam-panekea noho famendreham-pitokisa, ⁷mitandraky ty tsy fivaliham-panekea zisiky amy ty tariha arivo mifanolo, manenga heloky, fahadisoa, sady fahota Ie. kanefa hanalio ze meloky Ie. Hamaly ty anaky ty anaky rey, zisiky amy ty tariha fahatelo noho fahaefatsy." ⁸Le nanondriky malaky ty lohany tamy ty tany i Mosesy ka le nivavaky. ⁹ka hoy ie hozao: "Amy zao laha nahita fitea tamasonao teo zaho, Tompoko, mba mandehana anivonay eo, fa mahery hatoky olo rey. Manengà ty helokinay noho ty fahotany, sady rambeso ho lovanao zahay." ¹⁰Le hoasa Yaveh hozao: "Ingo, hanao fanenkea Zaho. ka anila ty olona eo iaby, le hanao raha mahatseriky ze tsy mbo nanovy tamy ty tany iaby na firenea Zaho. Hahita asako rey ty olo iaby aminao ao, fa raha mapatahotsy to hanoviko miaraky aminao. ¹¹Ankatoavo ze nibekoako anao androany. Horoahiko hiala tsy ho anilanareo eo Amorita rey, Kananita, Hetita, Perizita, Hivita, sady Jebosita rey. ¹²Ka le mitandrema mba tsy hanao fifanenkea amy ty mpipetsaky amy ty tany ze andehananao any iha, fa hanjary fanjiky aminareo eo zay. ¹³Nefa koa, robaho alitarany rey, torotoro tsangam-batony rey, sady toro bao Aserahan-drozy rey. ¹⁴Sady iha tsy hanompo Njanahary hafa, fa Yaveh, ze mana anara hoe Masiaky, le Njanahary masiaky. ¹⁵Ka le mitandrema mba tsy hanao fifanekea amy ty mpipetsaky amy ty tany ao, safe ndrozy mamarotsy ty vatany amy Njanahariny rey, sady manao soro ho an'i Njanahariny rey ndrozy. ka ty raiky amin-drozy hanasa anao, le hihina ty ilany amy ty sorony iha, ¹⁶sady ndra le hangalaky ty ilany amy anak'ampelany rey ho an'i anakilahiny rey aza iha, le mbo hamarotsy ty vatany amy Njanahariny rey avao anak'ampelany rey, sady hampitsangatsanga anakilahiko rey amy Njanahariny rey. ¹⁷Mba ka manao Njanahary voavolam-bola amy ty vy ho anao. ¹⁸Enganie ho tandremanao tyvfifalefalea ty Mofo Tsy Masirasira. Manahaky ty nibekoako anao, heloky to hinanao ty mofo tsy misy lalivay amy ty fotoa raiky amy ty vola Abiba, safe tamy ty vola Abiba ro niboahanareo baka Egipta any. ¹⁹Anakilahy velohany rey iaby ro Ahy, na le eny ty anakilahy velohany iaby amy ty biby haré aza, ty aomby noho aodry. ²⁰Ka le tsy maintsy himpoly hivily ty ampondra noho ty aondry iha, ka lafa tsy hampolinao vilý zay, le hofolahanao ty vozony. Tsy maintsy hampolinao vilý anakilahy velohany rey anakilahinao rey. Sady engaho tsy hisy olo hiseho alohako eo an-tanam-polo. ²¹Mety hiasa zisiky ty enin'andro iha, fa amy ty andro fahafito le tsy maintsy mijano iha. Ndr le amy ty taom-pafazana eny noho taom-pijinjana aza. ²²Tsy maintsy hiemby ty Herinandro ty Fifalefalea amy ty fanatera ty veloham-bokatsy amy ty fijinjam-bary ty Andro fifalefalea amy ty faniria amy ty fihafara ty tao iha. ²³Tsy maintsy hiseho intelo isan-tao anila ty tompo Yaveh eo ty lahilahinao iaby, le ty Njanahary ty Israely. ²⁴Fa handroaky firenea alohanao eo Zaho sady hampiitatsy ty sisin-taninao. Tsy hisy haniry ty hana ty taninao ho azy lafa miakatsy aloha Yaveh Njanaharinao eo in-telo isan-tao iha. ²⁵Tsy hanome lio biby anovy fanomeza miaraky amy ty lalivay iha, na hanenga ty hena baka amy ty fanomeza amy ty andro Fifalefalea ty Paska ho zisiky maray. ²⁶Tsy maintsy andesinao an-tsanoko ao ty soa bibiky amy ty veloham-bokatsy baka amy ty baibonao. Sady iha tsy hiketsiky anak'aosy amy ty rononon-dreniny." ²⁷Le hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Sorato ao safa rey, fa Zaho hanao antoky tky vatako amy safa ze nivolaniko rey, sady fa nanao fanenkea taminao noho Israely." ²⁸Niaraky tamy Yaveh efapolo andro noho efapolo haly tany Mosesy; tsy nihina na nino rano ie. Le nisoratiny tamy vato pisaky safa fanenkea rey, le ty Lily folo. ²⁹Lafa nijotso baka am-bohitsy Sinay any niaraky tamy vato pisaky roe nisy ty lili-panekea rey tan-tany eny Mosesy, le tsy hainy fa nanjary namirapiratsy ty holitsy ty vatany lafa niresaky tamy Njanahary. ³⁰Lafa nahita an'i Mosesy i Arona noho Israelita rey, le namirapiratsy ty holitsy vatany, ka le natahotsy ty hanariny azy ndrozy. ³¹Fa Mosesy nikaiky androzy, sady Arona noho mpitariky rey iaby nandeha taminy eo. Sady le niresaky tamin-drozy Mosesy. ³²Tafara zay, namonjy an'i Mosesy ty olo lakon'Israely iaby, sady ie nanambara lily ze namea Yaveh azy tam-bohitsy Sinay any rey. ³³Lafa vita ty resaky Mosesy tamin-drozy, le nasiany aboaly ty vatany. ³⁴Ndra ombia ndra ombia ro handehana Mosesy aloha Yaveh eo mba hiresaky aminy, le nangalaky ty aboaliny ie, zisiky iboahany. Sady lafa niboaky ie, le nivola tamy Israelita ze nibekoa azy ho volany rey. ³⁵Lafa hita Israelita rey ty famirapirata ty tarehy Mosesy, le nisaronany ty tarehiny ndraiky ty aboaly zisiky impolianany ao mba hiresaky amy Yaveh.

Chapter 35

¹Nampivory mpipetsaky rey ty Israelita iaby Mosesy sady nivola tamin-drozy hozao: "Ndreto ty raha ze nibekoa Yaveh ho anovinareo. ²Andro eny ro afaky ananova ty asa, fa ho anareo, ty andro fahafito le ho andro masy, andro Sabata ty fijanona atsiky, noho masy ho ahy Yaveh. Ndra ia ndra ia miasa amy andro zay le hovonoa ho maty. ³Engaho tsy handrehitsy afo amy ty tsanonareo any nareo amy ty andro Sabata." ⁴Nivola tamy fivorina ty Israelita iaby ray Mosesy, nanao hozao: "Zao ro raha nibekoa Yaveh. ⁵Mangalà fanomeza ho ahy Yaveh, nareo lafa ze mana fahavonam-po. Mandaisa fanomeza ho ahy Yaveh—volamena, volafoty, saba, ⁶bole, voloparasy, sady volon'aondry jaky noho rongony foty maliniky; volon'aosy; ⁷holits'aondry lahy miloko mena noho holitsy dogao; hazo akasia; ⁸menaky ho ahy ty menaky fanosora sady lintan-kazo manitsy, ⁹vato berila noho vato sarotsy hafa apetsaky ho amy ty efoda noho ty saron-tsatsa. ¹⁰Ty lahilahy iaby ze mana fahaiza ty raha iaby ze nibekoa Yaveh—¹¹ty tabernakely mbamy ty lainy, ty sorony, ty varangony, ty rafitsiny, ty barany, ty tsangatsangany, ¹²sady ty lela-tombokiny; sady koa ty fiondrana mbamy ty baony, ty sarom-panavota sady ty siky hamonia azy. ¹³Nandesin-drozy ty latabatsy mbamy ty baony, ty enta iaby aminy ao, sady ty mofo ty famonjea; ¹⁴ty fananovan-jiro ho an'i hazavà rey, mbamy ty fiasa amy zay, jirony rey, sady ty menaky ho an'i jiro rey; ¹⁵ty alitara fandoroa miarakany amy baony rey, ty menaky fanosora noho ty lintan-kazo manitsy; ty siky ho ahy ty filira ty tabernakely; ¹⁶ty alitara ho an'i fanomeza oroa rey mbamy ty makarakara saba zay noho ty baony rey sady enta rey; sady ty koveta bevata noho ty lela-tombokiny. ¹⁷Nandesin-drozy vala siky rey ho ahy ty kianja mbamy ty tsangatsangany noho ty lela-tombokiny, noho ty siky ho ahy ty lela-tombokiny an-kianja ao; ¹⁸sady ty fihantona ty lay ho ahy ty tabernakely noho ty kianja, niarakany tany taliny rey. ¹⁹Nanday akanjo voatsanaky maliniky hanompoa amy ty toera masy rey eo ndrozy, ty akanjo masy ho an'i Arona mpisoro noho anakilahiny rey, mba hanompoan-drozy ho mpisoro. ²⁰Bakeo le nandalo sady niala tanila i Mosesy iaby foko Israely rey. ²¹Le avy olo iaby rey ze voatariky ty fony noho ze nitarihy ty fanahiny hanam-pitea sady nanday fanomeza ho ahy Yaveh ho ahy ty fanamboara ty tabernakely, ho amy raha iaby mety ampiasa amy zay, noho ahy ty siky masy rey. ²²Avy ndrozy, ndra ty lahilahy ndra ty ampela, ze iaby soa sitrapo. Nanday fisisiky rey, kiviro, peratsy, rojo rey, noho karaza rojo volamena iaby rey ndrozy. Nanome fanomeza volamena ho fanomeza arabiraby ho ahy Yaveh ie iaby. ²³Ty olo iaby ze nana bolé, voloparasy, na volon'aondry jaky, rongony foty maliniky, volon'aosy, holits'aondry lahy miloko mena, noho holitsy dogao le nanday rey. ²⁴Ty olo iaby nanao fanomeza volafoty na saba le nanday zay ho fanomeza ho an'i Yaveh, sady ty olo iaby ze nana hazo akasia mety ampiasa amy ty asa le nanday zay. ²⁵Ampela iaby rey nana fahaiza-manao le namoly volon'aondry tany ty tanany sady handay ze voavoliny—bolé, voloparasy, na volon'aondry jaky na rongony foty maliniky. ²⁶Ampela iaby nandesy ty fony rey noho ze nana fahaiza le namoly volon'aosy. ²⁷Mpitariaky rey ro nanday vato beryla noho vatosoa hafa koa mba hanovy amy ty efoda ao noho saron-tsatsa rey; ²⁸nanday raha manitsy noho menaky ho amy ty fananovan-jiro, ho ahy ty menaky fanosora, sady ho ahy ty lintan-kazo manitsy ndrozy. ²⁹Le nanday fanomeza-tsitsapo ho an'i Yaveh Israelita rey; ty lahilahy noho ty ampela iaby ze nitarihinao ty fony le nanday fiasa ho amy ty asa iaby ze nibekoa Yaveh tany ty alala Mosesy mba hanovy. ³⁰Hoasa Mosesy tany Israelita rey ho zao: "Ingo, Yaveh nikaiky an'i Bezaïla anakilahy Ory anakilahy Hora, baka amy ty foko Joda. ³¹tany ty Fanahiny i Bezaïla, mba hanome azy fahendrea, fatakara, sady fahaiza, amy karaza fanova tao-raha iaby rey, ³²mba hanao asa kanto famorona noho hiasa amy ty volamena, volafoty, sady saba; ³³sady koa mba hanapaky noho hampipetsaky vato rey sady hanokitsy hazo rey—mba hanova karaza asa famorona iaby rey noho fanova tao-ndraha. ³⁴Nanovy tam-pony ao mba hampianara zay, le ie noho Oholiaba anakilan'i Ahisamaka, baka amy ty foko Dana. ³⁵Nanatsiky androzy tany ty fahaiza-manao raha mba hananova karaza asa iaby rey ie, ho mpanao asa-tana, ho mpanao asa sokitsy, sady ho mpanao mpitsebiky amy ty bolé, ty voloparasy, ty volon'aondry jaky sady ty rongony foty maliniky, sady ho mpaneno. Mpanao asa tana amy ty karazan'asa iaby ndrozy, sady mpamorona asa kanto.

Chapter 36

¹Bezalila noho Oholiaba sady olo manan-talenta iaby rey ze fa namea Yaveh fahaiza-manao noho failo mba hahaiza ty fomba fiasa amy ty fanamboara ty toera masy le nanao ty asa manahaky ze iaby nibekoa Yaveh.

²Nampikaih y i Mosesy i Bezalila, Oholiaba, sady olo manan-talenta ze namea Yaveh fahaiza-manao rey, sady ze nentany ty fony ho avy ka le hanao ty asa. ³Ndrozy ro nandramby fanomeza iaby baka amy Mosesy rey, ze nandesy Israelita ho amy ty fanamboara ty toera masy. Isaky maray le mbo nanome fanomezan-tsitsapo ho ahy Mosesy olo rey. ⁴Ka le olo manan-talenta iaby niasa tamy azy toera masy iny rey le niala tamy ty asany ze nanoviny. ⁵Sady nivola tamy Mosesy ty mpanao asa tana hozao: "Nanday mandilatsy noho ze ampy amy ty fananova ty asa ze nibekoa Yaveh hanovinay olo rey." ⁶Ka le Nanome beko i Mosesy fa tsy tokony hisy handay fanomeza amy ty fanamboara ty toera masy sasy amy ty toby so ndra raiky aza. Sady nijano nanday fanomeza olo rey. ⁷Nana fiasà mandilatsy noho ze ilà amy ty asa iaby ndrozy. ⁸Ka le namboatsy tabernakely amy ty siky vita amy ty rongony foty noho bolé, voloparasy, noho volon'aondry jaky sady manahaky Kerobima rey ty mpanao asa-tana iaby tamin-drozy ao. Zay ro asa Bezalila, azy mpanao asa-tana tena mahay iny. ⁹Ty halava ty siky kirai-draiky le folo valo amby hakiho, sady ty sakany le efatsy hakiho. Mitovy habevata siky iaby rey. ¹⁰Naharo Bezalila ty siky limy, sady limy hafa rey ro naharony avao koa. ¹¹Nanao talim-baravara bolé tamy ty fara ty sisin-tsiky eo tamy ty sisiny raiky fa vitataky ie, sady nanoviny manahaky zay koa sisin-tsiky tamy ty tataky faharoe. ¹²Nanao talim-baravara dimam-polo tamy siky velohany rey ie sady dimam-polo ty talim-baravara amy ty sisiny eny tamy ty siky faharoe voataky. Ka le talim-baravara rey ro mifanandrify iaby. ¹³Nanao firango volamena dimam-polo ie sady naharony niaraky tamy zay siky rey mba hiharo ho raiky ty tabernakely. ¹⁴Nanao siky vita tamy ty volon'aosy i Bezalila ho lay fandrakofa ty tabernakely; nahanvita siky folo raiky amby hisaky ie. ¹⁵Ty halava ty siky kirai-draiky le telopolo hakiho, sady ty sakany siky raiky le efatsy hakiho. Mitovy habevata siky folo raiky amby rey. ¹⁶Naharony kirai-draiky siky limy rey sady ty eny hafa le naharony manoka. ¹⁷Nasiany talim-baravara dimampolo tamy ambin-tsiky voataky velohany rey, sady dimampolo tamy amby ty siky ze naharony tamy tataky faharoe rey. ¹⁸Nahavita firango saba dimampolo i Bezalila mba hampiharoa ty lay ho raiky. ¹⁹Namboatsy fandrakofa vita amy ty holits'aondry lahy miloko mena ho ahy ty tabernakely, noho fandrakofa hafa vita amy ty holitsy mba ho anabo zay eo ie. ²⁰Sady namboatsy rafitsy mitsanga vita amy ty hazo ty akasia i Bezalila ho amy ty tabernakely. ²¹Ty halava anaky hazo kirai-draiky rey le folo hakiho, sady ty sakany anaky hazo rey ro raiky noho tampany hakiho. ²²Ty rafitsiny kirai-draiky iaby le misy anaky hazo toe mba hampiharo androzy rafitsy ty tabernakely. ²³Le nanoviny manahaky zao rafitsy iaby rey ho ahy ty tabernakely: rafitsy ropolo ho ahy ty ilany antimo. ²⁴Nanao tombony volafoty efapolo i Bezalila mba anovy ambany rafitsy ropolo rey eo. Nisy lela tombokiny roe tambany ty rafitsiny raiky eo mba hampiharo ty rafitsy iaby rey, sady lela tombokiny roe avao koa ambany ty rafitsy kirai-draiky hafa mba hiharo rey. ²⁵Sady ty ilany faharoe ty tabernakely, tamy ty ilany avaratsy eo, le nasiany rafitsy ropolo ²⁶noho lela tombokiny volafoty efapolo. Misy lela tombokiny roe ambany ty rafitsy velohany, lela tombokiny roe ro ambany ty azy hazo pisaky iny manaraky, le to zay zisiky any. ²⁷Nanamboatsy rafitsy eny i Bezalila ho ahy ty lambosy ty tabernakely andrefa. ²⁸Nasiany rafitsy roe amy zorony tabernakely rey eo. ²⁹Hazo pisaky ro nisaraky iaby ty ambany rey, fa niharo tamy ty mason-drojo raiky amy farany anabony eny. Nanoviny manahaky zay ty roe taminy ho ahy ty zorony roe rey. ³⁰Sady nisy rafitsy valo, niaraky tamy ty lela-tombokiny volafoty. Folo eny amby ty hisaky ty lela-tombokiny rey, lela-tombokiny roe ambany ty rafitsy manaraky, sady manahaky zay zisiky any. ³¹Nanao bara vita amy ty hazo akasia i Bezalila--limy ho ahy ty rafitsy ty ilany ty tabernakely, ³²bara limy ho ahy ty rafitsy amy ty ilany ty tabernakely hafa, sady bara limy ho ahy ty rafitsy an-dabosy ty tabernakely manan-drefa ao. ³³Nanoviny tanivo rafitsy azy bara iny rey teo, zay hoe, antenantenany anabo, mba hahatsara ty farany roe. ³⁴Nikarofany volamena ty rafitsy rey. Nanamboatsy ty mason-drojo tamy ty volamena rey ie, mba hampiasà hitandraky bara rey, sady nifonosany tamy ty volamena bara rey. ³⁵Ka le namboatsy siky vita amy ty rongony foty noho bolé, voloparasy, noho volon'aondry jaky sady manahaky Kerobima, ze asa ty mpanao asa-tana za-draharaha i Bezalila. ³⁶Namboatsy andry vita amy ty hazo akasia ie, sady nirakofany volamena rey. Nanao firango-bolamena ho an'i andry rey avao koa ie, namboatsy lela-tombokiny volafoty efatsy ho an'i rey. ³⁷Namboatsy vala siky ho ahy ty filira amy ty lay ie. Nanovy tamy ty bolé, voloparasy, sady volon'aondry jaky, tamy ty fampiasà rongony foty maliniky zay, ze asa ty mpanao petraky foly. ³⁸Nanamboatsy vala siky andry limy rey tamy ty firango avao koa ie. Nirakofany volamena ty farany rey noho fihantonany rey. Lela-tombokiny limy ro nanovy tamy ty saba.

Chapter 37

¹Bezalila nanao azy fiondrana iny tamy ty hazo akasia. Roe hakiho noho tampany ty halavany; raiky hakiho noho tampany ty fivelarany; sady raiky hakiho noho tampany ty ahabony. ²Nanaro say tanainy ao noho tambalikin'ny ao ie niaraky tamy ty volamena tsy mifangaro sady nanao zay ho sisim-bolamena miodidy ty farany anabo. ³Namboatsy mason-drojo volamena efatsy ie ho ahy ty tombokiny efatsy, niaraky tamy ty mason-drojo roe tamy ty ilany raiky, sady mason-drojo roe tamy ty ilany hafa. ⁴Nanoviny tamy ty hazo akasia ty bao sady nanaro zay tamy ty volamena ie. ⁵Nametsaky azy bao iny tamy ty mason-drojo ao tamy sisiny eo ty fiondrana ie, mba hihanja ty sambo fiondrana. ⁶Nanao saronam-panavota volamena tsy mifangaro ie. Roe hakiho noho tampany ty halavany, sady raiky hakiho noho tampany ty sakany. ⁷Bezalila nanao ke4obima volamena roe ho ahy ty tsifa ty saronm-mpanavota roe. ⁸Ty Kerobima raiky le ho ahy ty tsifa ty sarom-panavota raiky, sady ty Kerobima raiky hafa le ho ahy ty tsifa ty sarom-panavota raiky hafa. Nanovy ho antsakin'ny raiky avao rey miaraky amy ty sarom-panavota. ⁹Namelatsy elatsiny 4ey azy Kerobima iny sady nanaloky ty sarom-panavota niaraky tamy rey. Mifanatsiky noho mitoliky anivo ty sarom-panavota any Kerobima rey. ¹⁰zalila nanao ty latabatsy vita tamy ty hazo akasia. Roe hakiho noho sasany ty halavany, raiky hakiho noho sasany ty sakany, sady akiho noho sasany ty hahabony. ¹¹Nandrakotsy zay tamy ty volamena tsy miharo ie sady nametsaky sisim-bolamena tsy miharo miodidy ty farany anabo, ¹²Nanisy rafitsy miodidy vodivoam-pelatanany raiky iaby ie, niaraky tamy ty sisim-bolamena miodidy azy rafitsy iny. ¹³Namboatsy mason-drojo tamy zorony efatsy rey, ze nisy tomboky efatsy rey. ¹⁴Voa fehy tamy ty zorony efatsy mason-drojo, mba hanomeza toera ho an'i bao, mba hihanja azy labatsy iny. ¹⁵Nanao bao tamy ty hazo akasia rey ie sady nampisaro tamy ty volamena rey, mba hihanja azy latabatsy iny. ¹⁶Nanao enta ze hapetsaky anabo ty latabatsy eo rey ie---loviasa rey, sotso, lovia jobo, noho fipetraha divay mba hampiasa rey handraraha fanomeza rey. Nanoviny tamy ty volamena tsy mifangaro rey. ¹⁷Nanoviny tamy ty volamena tsy miharo azy mpisy jiro. Nanoviny niaraky tamy ty lela tombony noho ty tahony ty mpisy jiro. Ty kapoakiny, ty kiboriny, sady ty voninkazon'ny le nanovy antsasany raiky miaraky aminy. ¹⁸Nisy sampany eny niboaky baka amy sisiny rey---sampany telo niboaky tamy ty sisiny raiky, sady sampany telo hafa ro niboaky tamy sisiny rey amy ty mpisy jiro. Ty sampany velohany le nana kapoaky telo vita manahaky ty raviny by amandia mitiry, miaraky amy ty kiboro raiky noho voninkazo raiky. ¹⁹Sady kapoaky telo nanovy manahaky ty amandia mitiry tamy ty sampany raiky hafa, miaraky amy ty kiboro raiky, noho voninkazo raiky. Le manahaky zay iaby ho ahy sampany eny rey niboaky baka amy ty mpisy jiro. ²⁰Amy ty mpisy jiro eo, tamy ty tahony anivony, le nisy kapoaky efatsy nanovy manahaky ty amandia mitiry, niaraky tamy ty kiboron-drozy noho voninkazo rey. ²¹Nisy kibora raiky tamy tambany ty sampany roe velohany ao--- ze nanovy raiky aminy, sady kiboro raiky tambany ty sampany roe faharoa ao---nanovy raiky aminy avao koa zay. Tamy ty fomba mitovy ro nisy kiboro raiky tambany ty sampany roe fahatelo ao, nanovy raiky aminy. Sady manahaky zay koa sampany eny niboaky tamy ty ty mpisy jiro rey ao. ²²Ty kiboro noho ty sampan-drozy le raiky aminy, sombin'asam-bolamena tsy miharo raiky. ²³Bezalila nanao ty fipetsahan-jiro noho ty jiro fitony rey, ty hetin-jiro noho ty fipetsahan-davenoky volamena tsy mifangaro rey. ²⁴Nanao ty fipetsan-jiro noho fiasa miaraky tamy ty talenta volamena raiky tsy mifangaro rey ie. ²⁵Bezalila nanao ty alitara ty lintan-kazo manitsy. Nanao zay tamy ty hazo akasia ie. Hakiho raiky ty halavany, sady hakiho raiky ty fivelarany. Efatsy zoro zay, sady roe hakiho ty hahabony. Ty tsifany ro nanovy ty raiky aminy. ²⁶Nandrakotsy ty alita ty lintan-kazo manitsy tamy ty volamena malio ie---ty farany, sisiny rey, sady tsifany rey. Nanao sisim-bolamena nanodidy ho an'i zay avao koa ie. ²⁷Nanao mason-drojo volamena roe ie mba hameheza zay ambany ty sisiny ao amy ty sisiny roe mifanandrify aminy eo. Mason-drojo ro nanovy hitandraky bao rey mba hihanja ty alitara. ²⁸Nanovy tamy ty hazo Alaska bao rey, sady nandrakotsy tamy ty volamena rey ie. ²⁹Ie ro namboatsy ty menaky fanosora masy noho ty fofa tsy miharo ty lintan-kazo manitsy, ze asa ty mpanao raha-manitsy.

Chapter 38

¹Bezalila nanao ty alitara ho ahy ty fanomeza oroa tamy ty hazo akasia. Zay le limy hakiho ty halavany sady limy hakiho ty halalikiny---efatsy zoro---sady telo hakiho ty haabony. ²Sady nanitatsy zorony efatsy rey hanahaky manahaky ty tsifan'aomby ie. Ty tsifa le naharo raiky tamy ty alitara, sady nandrakotsy zay tamy ty saba ie. ³Nanao ty fiasa iaby ho ahy ty alitara ie---valany ho ahy ty lavenoky, angady, koveta bevata, sotso tataky, sady valany fanandesa afo. Nanao fiasa iaby reytamy ty saba rey ie. ⁴Nanao makarakara ho ahy ty alitara ie, tohy ty vakana saba mba hapetsaky ambany ty rindry ao, tamy ty fisasaha teo ziky tamy ty farany ambany. ⁵Nandrendriky mason-drojo efatsy ho an'i zoro efatsy ty makarakara saba ie, ho fitandraha ty bao rey. ⁶Nanao bao tamy ty hazo akasia sady nandrakotsy tamy ty saba rey i Bezalila. ⁷Nametaky bao tamy ty mason-drojo tamy lafy ty alitara rey teo ie, mba hilanjà zay. Nanao ty alitara poak'aty ie, tamy ty hazo pisaky. ⁸Nanao koveta saba bevata miaraky amy ty fipetrahany saba i Bezalila. Nanao ty koveta tamy ty fitaratsy ty ampela ze nanompo tamy ty filira mana amy ty lay fitojeha rey teo ie. ⁹Nanao ty kianja avao koa ie. Vala siky tamy ty lafiny avaratsy ty kianja rey le rongony foty maliniky, zato hakiho ty halavany. ¹⁰Vala siky rey ro nisy tsangatsangany ropolo, sady lela tombony saba ropolo. Nisy firango napitiky tamy tsangatsangany rey, noho tamy ty fitohiza volafoty teo. ¹¹Manahaky zay koa nanaraky ty lafiny avaratsy, le nisy vala siky zato hakiho ty halavany miaraky amy ty tsangatsangany ropolo, lela tombokiny saba ropolo, Firango napitiky tamy tsangatsangany rey, sady fitohiza volafoty. ¹²Vala siky ty lafiny antinana rey le dimampolo hakiho ty halavany, miaraky amy ty tsangatsangany noho lela tombokiny folo. Firango noho fitohiza ty tsangatsangany rey ro volafoty. ¹³Ty kianja avao koa ro dimampolo hakiho ty halavany amy ty lafiny antinana ao. ¹⁴Vala siky ho ahy ty anila ty filira le folo limy amby hakiho ty halavany. Misy tsangatsangany telo miaraky amy ty lela tombokiny telo rey. ¹⁵Tamy ty andaniny teo ty filira ty kianja avao koa le nisy vala siky dimampolo hakiho ty halavany, miaraky amy ty tsangatsangany telo noho lela tombokiny telo. ¹⁶Vala siky iaby rey manodidy ty kianja le nanovy tamy ty rongony foty maliniky. ¹⁷Ty lela tomboky tsangatsangany rey le nanovy tamy ty saba. Firango rey noho fitohiza ho an'i tsangatsangany rey le nanovy tamy ty volafoty, sady ty fandrakofa ho an'i tsifa ty tsangatsangany rey avao koa le nanovy tamy ty volafoty. Tsangatsanga rey ty kianja iaby le nirakofa tamy ty volafoty. ¹⁸Ty siky tamy ty varavara ty kianja eo le ropolo hakiho ty halavany. Ty siky le nanovy tamy ty bolé, voloparasy, noho rongony jaky, rongony foty maliniky voatefy, sady ropolo hakiho ty halavany. Zay le ropolo hakiho ty halavany sady limy hakiho ty sakany, manahaky siky ty kianja rey. ¹⁹Nisy lela tombony saba efatsy noho firango volafoty zay. Ty fandrakofa ho an'i tsifany rey noho ty fitohiza zay le nanovy tamy ty volafoty. ²⁰Ty fihantona ty lay iaby ho ahy ty tabernakely noho ty kianja ro nanovy tamy ty saba. ²¹Zao ty listsa ty mikasiky ty tabernakely, ty tabernakely ty lalà ty fanenkea, nala manahaky torohevitsy i Mosesy rey zay. Zay ro asa Levita rey tambany fitahia i Itamara anakilahy i Arona mpisoro eo. ²²Bezalila anakilahy i Ory anakilahy i Hora, baka amy ty foko i Joda ao, le nanao ty raha ze nibekoa Yaveh an'i Mosesy. ²³Oholiaba anakilahy i Ahisamaka, baka amy ty foko i Dana ao, le niasa niaraky tamy i Bezalila ho mapanao sokitsy, ho mpiasa vatany mahay, sady ho mapanao tenona amy ty bolé voloparasy, noho volon'aondry jaky, sady rongony foty maliniky. ²⁴Ty volamena iaby ze nampiasa tamy ty orin'asa, tamy ty asa iaby nifandramby tamy ty toera masy ---ty volamena baka amy ty fanomeza arabiraby ---le talenta ropolo sivy amby noho sekely 730, vita metatsy tamy ty fenitsy ty sekely masy. ²⁵Ty volafoty namea ty fiangona le nilanja talenta zato sady sekely 1. 775, manahaky ty sekely masy, ²⁶na beka raiky iasan'olo, ze antsasaky ty sekely, voarefy tamy ty sekely masy. Tarehimariky rey ro nikasiky ty fototsy ty olo kirai-draiky ze voa hisaky tamy ty fanisaha ty olo lako, ropolo tao ro ho miakatsy rey---le lahilahy 603.350 ty fiharoany. ²⁷Talenta volafoty zato ro narendriky ho an'i lela tomboky ty toera masy noho lela tomboky ty siky rey: lela tombony zato, sady talenta raiky isaky ty lela tomboky kirai-draiky iaby. ²⁸Tamy ty amby ty sakely volafoty 1. 775, le nanao firango ho an'i tsangatsangany rey i Bezalila, nandrakotsy ty tsifa ty tsangatsangany rey, sady nanao fitohiza ho ahy rey. ²⁹Ty saba baka amy ty fanomeza arabiraby le nilanja talenta 70 sady sekely 2. 400. ³⁰my zay ro nanovany ty lela tombokiny rey ho filira mana amy ty lay fitojeha any, ty alitara saba, ty makarakara saba zay, ty fiasá iaby ho ahy ty alitara, ³¹lela tombokiny rey ho ahy ty kianja, lela tombokiny rey ho ahy ty filira ty kianja, fihantona ty lay iaby ho ahy ty tabernakely, sady fihantona ty lay iaby ho ahy ty kianja rey.

Chapter 39

¹Tamy ty siky volon'andro bolé, voloparasy, sady jaky mena, le namboatsy akanjo tenona matify ho ahy ty fanompoa amy ty toera masy ao ndrozy. Namboatsy akanjo ho an'i Arona ndrozy ho ahy ty toera masy, manahaky ze nibekoa i Yaveh an'i Mosesy.²Bezaila namboatsy ty efoda tamy ty volamena, bolé, sady tamy ty rongony foty maliniky. nitorotoron-drozy ty volamena sady³nitapahindrozy ho foly, mba hampiasa androzy amy ty siky bolé, voloparasy, volon'aondry jaky, sady rongony foty maliniky, ze asa ty mpiasa za-draharaha.

⁴Namboatsy saron-tsoraka ho ahy ty efoda ndrozy, le nampiarahan-drozy tamy zorony roe anabo zay eo.⁵Sady santira voatenona maliniky rey le mitovy efoda, zay le vita amy ty raiky baka amy ty efoda, vita baka amy ty rongony voatenona maliniky ze volamena, bolé, volo-parasy, sady jaky mena, manahaky ze nibekoa i Yaveh an'i Mosesy.⁶Namboarin-drozy ty vato berila, le nifonosan-drozy tamy ty randram-bolamena, le nisorata manahaky ty tampô, sady nisorata niaraky tamy ty anara folo roa amby lahy anak'Israely rey zay.⁷Sady le napetsaky i Bezaila tamy ty saron-tsoroky eo ty efoda rey. Mba ho vato fahatiarova an'i Yaveh ty amy anak'Israely folo roa amby lahy rey, manahaky ty nibekoa i Yaveh an'i Mosesy.⁸Nanao saron-tsatsa ie, manahaky ty namboara ty efoda, ze asa ty mpiasa zaha-draharaha. Le nanovy tamy ty volamena, bolé, sady rongony foty maliniky.⁹Efatsy- zoro zay. Sady naforin-drozy roe ty saron-tsatsa. Le raiky zehy ty halava zay sady raiky zehy ty fivelarany.¹⁰Nanovin-drozy tamy ty andalany efatsy vato sarotsy rey. Ty andalany velohany le robia, topazy, sady garnety.¹¹Ty andalany faharoe le nisy emeralda, safira, sady diamondra.¹²ty andalany fahatelo le nisy jasinta, agaty, sady ametista.¹³Ty andalany fahaefatsy le nisy berila, oniksa, sady jaspera. Le nasia randram-bolamena vato rey.¹⁴Nalamy tamy ty anara anak'Israely folo roa amby lahy rey vato rey, le nalahatsy manahaky ty anara iaby zay. Manahaky ty peratsy fitomboky rey, sady ty anara kirai-draiky iaby le manambara ty raiky amy foko folo roa amby rey.¹⁵ Namboatsy rojo manahaky ty foly tamy ty saron-tsatsa ndrozy, ze namboary tamy volamena tsy mifangaro.¹⁶Namboatsy mason-drojo volamena roe noho randram-bolamena roe ndrozy, sady napetsakin-drozy tamy ty sisiny ty saron-tsatsa roe mason-drojo roe rey.¹⁷Napetsakin-drozy tamy azy mason-drojo roe azy randram-bolamena roe iny tan-tsisy saron-tsatsa teo.¹⁸ Napetsakin-drozy tamy ty randram-bolamena eo ty rojo roe voarandra. Le napetsakin-drozy tamy ty saron-tsoroky eo ty efoda iaby talohany eo zay.¹⁹Namboatsy mason-drojo volamena roe ndrozy sady napetany tamy ty sisiny ty saron-tsatsa hafa roe zay, tamy ty sisiny anila ty zorony anainy eo.²⁰Namboatsy mason-drojo volamena roe hafa avao koa ndrozy sady nanovin-rozy tamy ty sisiny ty saron-tsoroky roe iaby eo taloha ty efoda teo zay, tanila ty tsebiky anabo ty santira voatenona ty efoda.²¹Nafehin-drozy niaraky tamy ty foly bolé tamy ty alala ty mason-drojo tamy ty mason-drojo ty efoda ty saron-tsatsa. Nanovy zay mba tsy hiombotsy amy ty efoda ty saron-tsatsa. Manahaky ty nibekoan'i Yaveh an'i Mosesy.²²Namboary i Bezaila tamy ty siky voloparasy tanteraky ty akanjo efoda, ze asa ty mpaneno.²³Sady nisy fitsofohan-doha anivony eo. Nisy tenona tamy ty manodidy eo ty fisokafany mba tsy hitsitsy.²⁴ Namboaran-drozy ampongaben-danitsy vita amy ty foly bolé, voloparasy, jaky mena, sady rongony foty maliniky, tamy ty moron-tombony eo.²⁵Namboatsy lakolosy volamena tsy miharo ndrozy, sady napetsakin-drozy tanivo ty ampongaben-danitsy manodidy eo ty sisiny ty anabo tomboky azy akanjo iny, mifanalavitsy amy ampongaben-danitsy---²⁶lakilosy le ampongaben-danitsy, lakolosy le ampongaben-danitsy---tamy ty sisiny ty akanjo eo ho an'i Arona mba hanompoany so. Zay le manahaky ty nibekoan'i Yaveh an'i Mosesy.²⁷Namboarin-drozy ho an'i Arona noho anakiny rey azy akanjo rongony foty maliniky iny.²⁸ Nanao ty hamama rongony foty maliniky, ty fonondoha rongony foty maliniky, ty atin-ankanjo vita amy ty rongony foty maliniky.²⁹ Sady foly bolé, voloparasy, sady jaky mena, ho asa ty mpanao pitsebiky ndrozy. Zay le manahaky ty ty nibekoan'i Yaveh an'i Mosesy.³⁰Le namboatsy ty takela-bolamena tsy mifangaro ty saro-boninahitsy masy ndrozy; le nisoratin-drozy tamy zay manahaky ty soratsy amy ty tampô eo hozao: "Masy ho an'i Yaveh".³¹Le nipetahan-drozy foly bolé tamy ty tompo azy hamama iny teo. Le manahaky ty nibekoan'i Yaveh an'i Mosesy zay.³²Ka le vita ty asa fananova tabernakely, azy tsano lay fitojeha iny. Nanovy ty olo lakon'Israely ty raha iaby. Narahan-drozy ty torolala iaby ze namea i Yaveh an'i Mosesy.³³Nandesin-drozy tamy i Mosesy azy tabernakely iny---ty lay noho fiasà iaby, ty firafitsiny, ty rafiny, ty barany, ty tsangatsangaany, ty lela-tombony,³⁴ty fandrakofa vita amy ty angozin-aondry lahy miloko mena, ty fandrakofa vita amy ty angozy koso-ndriaky, sady ty siky amonia³⁵ ty fiondrana ty vavolombelo, sady koa ty bao noho ty fonosam-pqmonjea.³⁶Nandesin-drozy ty latabatsy, ty enta iaby, noho ty mofa ty famonjea;³⁷ty fananovan-jiro volamena tsy miharo sady jiro tamy ty toera rey ao, miaraky amy fiasany rey noho soliky fanovy amy ty jiro rey;³⁸ty alitara volamena, ty solo-bonio fanosora noho ty lintan-kazo manitsy ty fofony, ty vala siky ty filira amy ty tabernakely ao;³⁹ty alitara saba miaraky amy ty saba mangarakarakany noho ty baony sady ty enta noho ty koveta bevata miaraky amy ty lela-tombokiny.⁴⁰Nandesin-drozy ty vala siky ho ahy ty kianja miaraky amy ty tsangatsangany noho ty lela-tombony; sady ty siky ho ahy ty fihantona ty lay; sady ty fiasà fandesy miasa iaby andesy hanompo ty

tabernakely, ty tsano lay fitojeha.⁴¹ Nandesin-drozy ty akanjo voatenona mba hanompoa amy ty toera masy ao, ty akanjo masy ho an'i Arona mpisoro, noho anakilahy rey, mba hanompo androzy ho mpisoro.⁴² Laha zay le nanovy olo lakon'Israely rey iaby ty asa iaby manahaky zecnibekoa i Yaveh an'i Mosesy.⁴³ Nandiniky asa iaby rey i Mosesy, sady ingo, vitan-drozy zay. Manahaky ze nibekoa i Yaveh, le manahaky ty zay ty fomba nanovandrozy zay. Sady le nitsi-pirano androzy Mosesy.

Chapter 40

¹Sady nivola tamy i Mosesy sady hoy ie hozao: ²"Amy ty andro velohany ty vola veloha ty tao vaovao le tsy maintsy hatsanganao ty tabernakely, ty lay fitojeha. ³Apetsaho amy zay ao ty fiondrana ty vavolombelo, sady harovanao amy ty siky ty fiondrana. ⁴Andeso amy ty latabatsy eo sady alaharo raha ze tokony ho amy zay rey. Le andeso ty fananovan-jiro sady apetsaho jiro rey. ⁵Apetsaho aloha ty fiondrana ty vavolombelo ty alitara volamena ze misy ty lintan-kazo manitsy, sady apetsaho ty siky amy ty filira ty tabernakely eo. ⁶Apetsaho aloha ty filira mbamy ty tabernakely mbao, azy lay fitojeha iny, ty alitara ty fanomeza oroa. ⁷Apetsaho anivo ty lay fitojeha noho ty alitara ty koveta bevata sady asio rano anainy ao. ⁸Atsangano manodidy zay ty kianja, sady ahantony amy ty filira ty kianja eo ty siky. ⁹Ka le alao ty solobonia fanosora sady hosoro ty tabernakely noho ty raha iaby anainy ao. Atokano ho Ahy zay noho ty enta iaby, ka le ho masy zay. ¹⁰Hosoro ty alitara ty fanomeza oroa noho enta zay iaby. Atokano ho Ahy ty alitara sady tena ho masy ho Ahy zay. ¹¹Hosoro ty koveta bevata saba noho lela-tomboky zay sady atokano ho Ahy. ¹²Handesinao i Arona noho anakilahy rey ho amy ty filira ty lay fitojeha eo sady sasao amy ty raho ndrozy. ¹³Hampisikininao amy akanjony ze natoka ho Ahy i Arona rey, hosoro ie sady atokano mba hanompo ho mpisoroko. ¹⁴Handesinao anakilahy rey sady ampisikino siky lava ndrozy. ¹⁵Hosoro manahaky nanosora ty babany ndrozy mba hanompo Ahy ho mpisoro. Ty fanosora androzy le hahavy androzy ho fisorona ela zisiky ty tarihany farany any." ¹⁶Zao ro raha nanovy i Mosesy; niorihiny iaby ze fa nibekoa i Yaveh azy. Nanoviny raha iaby zay. ¹⁷Sady le voatsanga tamy ty andro velohany vola velohany tamy ty tao faharoe ty tabernakely. ¹⁸Nananga ty tabernakely i Mosesy, nametsaky ty lela-tombony zay tamy ty toerany, nananga ty rafitsy zay, nampiharo ty barany, sady nananga andry rey noho tsangatsangany zay. ¹⁹Naparitany mameno ty tabernakely ty fandrakofa sady nabelany mameno zay ty lay, manahaky ty fa nibeko i Yaveh azy. ²⁰Nalany ty lily ty fanekea sady nabelany tanay ty fiondrana ao rey. Nametsaky bao tamy ty fiondrana so avao koa ie, sady le nametsaky ty sarom-panavota tamy zay eo. ²¹Nampitsanga siky ho ahy zay ie mba hiaro ty fiondrana ty vavolombelo, manahaky ty nibekoa i Yaveh azy. ²²Nabelany tanay azy lay fitojeha inyo ty latabatsy, le tamy ty sisiny avaratsy azy tabernakely iny eo, ambaliky ty siky. ²³Nalahatsiny tanabo latabatsy taloha i Yaveh ty mofo eo, manahaky ty fa nibekoa i Yaveh azy. ²⁴Nabelany tanay lay fitojeha ao ty fananovan-jiro, tandrify ty latabatsy, tamy ty sisiny an-timo eo ty tabernakely. ²⁵Nampirehitsy ty jiro tanila i Yaveh eo, manahaky ty fa nibekoa i Yaveh azy. ²⁶Nabelany tamy ty lay fitojeha aloha ty siky ao ty alitara volamena misy lintan-kazo manitsy. ²⁷Nandoro lintan-kazo manitsy tamy zay eo ie, manahaky fa nibekoa i Yaveh azy. ²⁸Nahantony tamy ty filira eo tamy ty tabernakely eo ty siky. ²⁹Nabelany tamy ty filira ty tabernakely eo, azy lay fitojeha iny, ty alitara oroa noho vary ho fanomeza tamy zay ie, manahaky ty fa nibekoa i Yaveh azy. ³⁰Nabelany tamy tanivo ty lay fitojeha noho ty alitara eo ty koveta bevata, sady nasiany rano tanay zay ao mba hisasá. ³¹Mosesy, Arona noho anakilahy rey nanasa ty tanany noho ty tombon-drozy tamy ty koveta bevata. ³²Ndra ombia ndra ombia handehanan-drozy amy azy lay fitojeha iny ao, sady ndra ombia ndra ombia hiakaran-drozy amy ty alitara eo. Nanasa ty vatany ndrozy, nanahaky ty fa nibekoa i Yaveh an'i Mosesy. ³³Nampitsanga ty kianja manodidy ty tabernakely noho ty alitara i Mosesy. Nampitsanga ty siky tamy ty filira ty kianja eo ie. Zay ty fomba navità i Mosesy ty asa. ³⁴Le ty raho nisafotsy ty lay fitojeha, sady ty voninahitsy i Yaveh nanemotsy ty tabernakely. ³⁵Tsy afaky nitsofoky tamy azy lay iny ao ty fitojeha i Mosesy safe ty raho fa nipetsaky tamy zay ao, sady ty voninahitsy i Yaveh nanemotsy ty tabernakely. ³⁶Ndra ombia ndra ombia ro miakara ty raho baka amy ty tabernakely ao, ty olo lakon'Israely le niala tamy ty lian-drozy. ³⁷Fa laha tsy niakatsy baka amy ty tabernakely ao ty raho, le tsy nandeha ty olo lako. Nijano teo ndrozy zisiky amy ty andro ze nisondrota zay. ³⁸Fa ty raho i Yaveh le tanabo ty tabernakely ty andro, sady ty afony tamy zay teo lafa ty haly, tamaso ty olo lakon'Israely iaby eo tanay ty lian-drozy.

Leviticus

Chapter 1

¹Nikaiky an'i Mosesy Yaveh sady niresaky taminy baka amy ty tsano lay fitojeha tao, nanao hozao: ²"Mivolana amy ty olo lakon'Israely ka le volano amin-drozy hozao: 'Laha misy olo aminareo manday fanomeza ho an'Yaveh, le mandaisa raiky amy ty bibinareo ho fanomezanareo, na baka amy ty aomby na baka amy ty aondry noho aosy. ³Laha fanomeza oroa baka amy ty aomby ty fanomezany, le tsy maintsy lahy tsy misy hanja ro ameanany. Hanomé say amy ty filira mana amy ty tsano lay fitojeha ao eo ie, mba ho ankasitraha anila Yaveh eo zay. ⁴Hametsaky ty tanany amy ty loha y fanomeza oroany eo ie, sady le ho ankasitraha hoho ty aminy zay mba ho fanavota ho azy. ⁵Le engaho ie hamono ty bibilahy aloha Yaveh eo. Anaky Arona rey, mpisoeo rey, le hanome lio sady handraraky

zay amy ty alitara eo ze amy ty filira eo mana amy ty lay fitojeha ao. ⁶Le engaho ie hamono ty fanomeza oroa sady hanapatapaky zay. ⁷Le handrehitsy afo amy ty alitara eo sady hanisy kata ka le hampirehitsy ty afo anaky Arona rey. ⁸Anaky Arona rey, ty lohany noho tyvsaborany, hitahandra anabo ty kata ze fa mirehitsy eo anabo ty alitara eo. ⁹Fa ty tinainy noho ty feny le tsy maintsy ho sasany amy rano. Le handoro ty raha iaby amy ty alitara eo ho fanomeza oroa ty mpisoro. Hiteraky hanitsy malemy ho Ahy zay; ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho Ahy zay. ¹⁰Laha baka amy ty aondry noho aosy ty fanomezany ho amy ty fanomeza oroa, le ty raiky amy aondry na amy ty aosy rey, le tsy maintsy lahy tsy misy hanja ro amean. ¹¹Engaho hamono zay eo amy ty lafiny avaratsy ty alitara anila Yaveh eo ie. Anaky Arona rey, mpisoro rey, le hampahery ty lio zay amy ty lafiny alitara iaby. ¹²Le enganie ie hanapaky zay, miaraky amy ty lohany noho ty saborany, sady ty mpisoro ro handahatsy amy ty kata fa mirehitsy rey eo, ze anabo ty alitara eo, ¹³nefa engaho ho sasany amy ty rano ty tinainy noho ty feny. Le hanome azy iaby ty mpisoro, sady handoro zay amy ty alitara eo. Zay ro fanomeza oroa, sady hiteraky hanitsy malemy ho an'Yaveh zay; ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho Azy zay. ¹⁴Laha fanomeza oroa voro ty fanomezany ho an'Yaveh, le tsy maintsy manday na domoina na anaky pizon ho fanomeza ie. ¹⁵Tsy maintsy manday zay amy ty alitara eo ty mpisoro, aloha ty lohany, sady mandoro zay amy ty alitara eo. Sady le manahatahaky amy ty alitara ty liony zay eo. ¹⁶Tsy maintsy ho alany ty takorobabo zay noho ty raha anainy ao, sady harinay anila ty alitara antinana eo zay, amy ty toera lavenoky eo. ¹⁷Tsy maintsy hamoha zay bakeo amy ty elatsiny ie, neda tsy azo zarany roe zay. Le handoro zay amy ty alitara ty mpisoro eo, amy ty kata fa mirehitsy eo. Ho fanomeza oroa zay, sady hiteraky hanitsy malemy ho an'Yaveh zay; ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho Azy zay.

Chapter 2

¹Laha misy manday fanomeza voa ho an'Yaveh, le enganie ho koba soa lisa ty fanomezany, sady handraraky solo-bonio amy zay eo noho hampipetsaky lintan-kazo manitsy amy zay eo ie. ²Handay fanomeza amy mpisoro anaky Arona rey eo ie, le hangalaky koba soa lisa mameno ty tana miarakany amy ty solo-bonio noho lintan-kazo manitsy amy zay eo ty mpisoro. Le handoro ty fanomeza amy ty alitara eo ho fanomezam-pahatiaroava ty mpisoro. Hampiboaky hanitsy malemy ho ahy Yaveh zay; ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho Azy. ³Ze iaby sisa amy fanomeza hohany rey le ho ahy Arona noho anakilahiny rey. Masy vatany baka amy fanomeza ho ahy Yaveh rey nanovy amy ty afo ho ahy Yaveh zay. ⁴Laha manome fanomeza voa tsy misy lalivay ze niketsehony tamy ty laforo iha, le engaho ho mofo malemy vita tamy ty koba soa lisa miharo solo-bonio zay, na mofo mahery tsy misy lalivay, ze voahosotsy solo-bonio. ⁵Laha niketsehy tamy ty lasý vy pisaky ty fanomeza voa, le engaho ho baka amy ty koba soa lisa tsy misy lalivay ze miharo solo-bonio zay. ⁶Hozaranao say sady handrarahanao solo-bonio aminy eo. Zay ro fanomeza oroa. ⁷Laha niketsehy tamy ty lasý ty fanomeza voa anao, le engaho anovy amy ty koba soa lisa noho solo-bonio zay. ⁸Enganie handay fanomeza voa nanovy tamy ty raha rey ho ahy Yaveh iha, sady zay le hamea amy ty mpisoro eo, ze handay zay amy ty alitara eo. ⁹Bakeo le hangalaky ilany amy ty fanomeza voa ho fanomezam-pahatiaroava ty mpisoro, sady handoro zay amy ty alitara eo ie. Ho fanomeza nanovy tamy ty afo zay, sady hahavy hanitsy ankasitrahana ho an'Yaveh. ¹⁰Ze amby ty fanomeza hohany le ho ahy Arona noho anakilahiny rey. Masy le masy baka amy ty fanomeza anovy amy ty ato ho an'Yaveh zay. ¹¹Tsy hisy fanomeza voa hameanao ho ahy Yaveh ka le hisy lalivay, safe tsy tokony handoro masirasira, na tantely, ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh iha. ¹²Hanome ho fanomeza veloham-bokatsy ho an'Yaveh rey iha, fe tsy hampiasa hampiboaha hanitsy malemy amy ty alitara eo rey. ¹³Enganie hanome tavy ty kirai-draiky amy ty fanomeza voa amy ty sira iha. Engaho tsy noho halinonao mihintsy amy ty fanomeza voa ty sira ty fanen-kean-Janaharinao. Manomeza sira amy fanomezanao iaby rey. ¹⁴Laha manome fanomeza voa amy ty veloham-bokatsy ho an'Yaveh iha, le manomeza voa vaovao ze natono tamy ty afo noho nitoró ho hany bakaeo. ¹⁵Le engaho hanisy solo-bonio noho lintan-kazo manitsy amy zay ao iha. Zay ro fanomeza voa. ¹⁶Sady handoro ty antsasaky ty voa voalisa noho solo-bonio sady lintan-kazo manitsy ho fanomezam-pahatiaroava ty mpisoro. Zay ro fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh.

Chapter 3

¹Laha misy olo manome soro, ze fanomezam-pilongoa amy ty raiky amy biby baka amy ty andian'aomby rey, na lahy na vavy, le enganie ie hanome biby tsy misy hanja aloha Yaveh eo. ²Hametsaky ty tanany an-Doha ty fanomezany eo ie sady hamono zay ambaravara ty lay fitojeha eo. Sady anakilahy Arona mpisoro mahery rey ty lio zay my ty lafy ty alitara. ³Hanome soro ty fanomezam-pilongoa amy ty afo ho an'Yaveh lahilahy iny. Ty sabora ze mandrakotsy na mifankahazo amy ty tinainy, ⁴ noho voa roe rey noho ty sabora ze amin-drozy eo amy ty alala ty valahany rey, sady ty ilany ty atiny, miaraky amy ty voany---le halàny iaby zay. ⁵Anakilahy Arona rey ro handoro zay anabo ty alitara eo miaraky amy ty fanomeza oroa, ze anabo ty kata fa mirehitsy. Hampiboaky hanitsy malemy ho an'Yaveh zay; ho fanomeza oroa nanovy ho Azy amy ty alala ty afo zay. ⁶Laha hohatsy ka baka amy ty aondry noho aosy ro soro ty fanomezam-pilongoa lahilahy iny ho an'Yaveh; na lahy na ampela, le tsy maintsy manome soro tsy misy hanja ie. ⁷Laha manome anak'aondry ho anoviny soro ie, le tsy maintsy ameany aloha Yaveh eo zay. ⁸Hampipetsaky ty tanany an-dohany eo ty soro noho hamono zay aloha ty lay fitojeha eo ie. Sady hampahery ty liony amy ty sisy ty alitara anakilahy Arona rey. ⁹Hanome ty soro ty fanomezam-pilongoa ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh lahilahy iny. Ty sabora, ty hohy matavy iaby le hotapahy mariny ty taolan-dambosy, sady ty sabora ze mandrakotsy ty tinainy rey noho sabora iaby ze manariny ty tinainy rey, ¹⁰sady voa roe rey noho ty sabora ze anainy ao rey, ze anay ty valahany ao, sady ty ila-ty atiny, miaraky amy voa rey--sady alany iaby zay. ¹¹Le handoro iaby zay amy ty alitara eo ho fanomeza oroa hohany ho an'Yaveh ty mpisoro. ¹²Laha hohatsy ka aosilahy ro fanomeza ty lahilahy iny, le hanome zay aloha Yaveh eo ie. ¹³Engaho ie hampipetsaky ty tanany an-doha ty aosilahy eo sady hamono zay aloha ty lay fitojeha. Le hampahery ty lio zay amy ty lafy ty alitara rey anakilahy Arona. ¹⁴ Hanome ty sorony nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh lahilahy iny. Hangalaky ty sabora ze mandrakotsy ty faritsy anay rey ie, sady ty sabora iaby manariny ty fanomeza faritsy anay. ¹⁵Hangalaky ty voa noho sabora rey ze miaraky amy rey ie, ze anila ty valahany, sady ty ila-ty atiny miaraky amy ty voa. ¹⁶ Handoro iaby zay anabo ty alitara eo ho fanomeza hohany nanovy tamy ty afo ty mpisoro, mba hampiboaky hanitsy malemy. An'Yaveh ty sabora iaby. ¹⁷Ho lalà zisiky farany amy ty tarihanareo farany rey amy ty toera iaby hipetsahanareo ao zay, le engaho tsy hihina sabora na lio nareo."

Chapter 4

¹Niresaky tamy Mosesy i Yaveh, nanao hozao: ²"Volano ty olo lakon'Israely hoe: 'Laha misy olo manota nefa tsy naniry ty hanota, nanao raha ze nibekoa Yaveh rey mba tsy ho anovy, sady laha manao raha ze voarara ie, le tsy maintsy anovy manaraky reto. ³Laha hohatsy ka mpisoro bevata ro manoka ka le manday heloky amy ty olo lako eo, le engaho ie hanome vantots'aomby lahy tsy misy hanja ho an'Yaveh ho fanomeza noho ty ota. ⁴Engaho ie handay aombilahy amy ty filira ty tsano eo amy ty lay fitojeha anila Yaveh eo ao, hampipetsaky ty tanany amyty lohany eo, sady hamono aombilahy iny anila Yaveh eo. ⁵Azy mpisoro voahosotsy iny le hangalaky anjarany amy ty lio aombilahy iny sady handay zay ho amy ty lay fitojeha ao. ⁶ampitsoboky ty tanany amy lio iny ao azy mpisoro iny ka le hampahery im-pito baka anila Yaveh eo, aloha ty siky ty fipetsaha masy bibiky eo. ⁷Bakeo azy mpisoro iny le hangalaky amy lio iny ho amy tsifa ty alitara iny eo ty lintan-kazo manitsy anila Yaveh eo, ze amy ty lay fitojeha ao, sady handraraky ty sisa iaby anabo ty lio aombilahy iny amy ty fanambalia ty alitara any ie ho fanomeza oroa, ze amy ty filira ty lay fitojeha eo. ⁸Hangalaky ty sabora iaby amy aombilahy iny hanovy fanomeza noho ty ota ie; sabora ze mandrakotsy ty faritsyanainy iny, ty sabora iaby ze mipitiky amy ty faritsy anainy, ⁹voany roe noho ty sabora ze amy rey eo, ze anila ty valahany, sady ty ila-ty tinainy, miaraky amy voa Rey---hangalaky iaby zay Ie. ¹⁰Halàny iaby iaby zay, manahaky ty nangalany zay tamy aomby nanovy soro ty fanomezam-pilongoa iny. Bakeo mpisoro iny rey le handoro ty antasany amy ty alitara rey eo ho fanomeza oroa. ¹¹angozy azy aomby noho ze hena sisa iny, miaraky amy ty lohany noho tombony rey sady tanainy rey noho ty zeziny, ¹²ty amby ty vata aomby iaby rey---handesiny ambaliky ty toby iaby antsakiny rey ho amy toera iny any ze fa nivilin-drozy ho Ahy, ze nandrarahan-drozy lavenoky; handoro ty antasany rey anabo ty kata eo ndrozy. Engaho antsasany rey horoan-drozy amy azy nandrarahan-drozy lavenoky iny rey. ¹³Laha manota tampoky ty fiangonan'Israely iaby, sady tsy mahay ty fiangona fa nanota ndrozy sady nanao ze nandrarahan'Yaveh tsy hanovy, sady laha meloky ndrozy, ¹⁴le lafa hay ty ota nanovin-drozy, le engaho ty fiangona hanome vantots'aomby ho fanomeza noho ty ota sady handay zay aloha ty tsano lay fitojeha eo. ¹⁵Olo-be ty fiangoana rey ro amy ty loha azy aomby aloha Yaveh iny eo, sady ho vonoe aloha Yaveh eo aombilahy iny. ¹⁶Ty mpisoro voahosotsy le handay sombiny amy lion'aomby iny ho amy ty tsano lay fitojeha any, ¹⁷sady hitsoboky ty tanany amy lio iny ao sady handraraky zay im-pito aloha Yaveh eo, aloha siky iny eo. ¹⁸Hanosotsy sombiny amy lio iny amy tsifa ty alitara iny eo ze aloha Yaveh eo rey ie, ze amy ty tsano lay fitojeha ao, sady handraraky lio iaby iny amy ty fanambany ty alitara eo ho fanomeza oroa, ze amy ty filira ty tsano lay fitojeha eo. ¹⁹Hangalaky ty sabora iaby amy zay eo ie sady handoro zay amy ty alitara eo. ²⁰Zay ro enganie hanovy amy aomby iny. Manahaky ty nanoviny tamy aomby nanovy fanomeza iny noho ty ota, noho anoviny amy aomby io, sady azy mpisoro iny le hanao fanavota ho ahy ty olo lako, ka le ho tavela ndrozy. ²¹Handesiny ambaliky ty toby aomby iny sady handoro zay manahaky ty nandoroany aomby velohany iny ie. Zay ro fanomeza noho ty ota ho ahy ty fiangona. ²²Lafa manota tampoky ty mpanampaky, amy ty fananova ty raiky amy raha iaby ze nibekoa Yaveh mba tsy hanovy rey, ka le meloky ie, ²³le hampahay azy ty ota ze nanoviny, engaho ie handay aosy, aosilahy tsy misy hanja ho sorony. ²⁴Hampipetsaky ty tanany amy ty loha aosy iny eo ie sady hamono zay amy ty toera ze namonoan-drozy ty fanomeza oroa eo aloha Yaveh eo. Fanomeza noho ty ota zay. ²⁵Ty mpisoro ro hangalaky lio fanomeza iny noho ty ota amy ty tanany sady hampipetsaky zay amy tsifa ty alitara eo ho fanomeza oroa, sady handraraky ty lio zay amy ty fanambania ty alitara ty fanomeza oroa eo ie. ²⁶Horoany amy ty alitara eo ty sabora iaby, manahaky sabora tamy ty soro ty fanomezam-pilongoa iny. Ty mpisoro le hanao fanavota ho ahy ty mpanapaky mikasiky ty itany, sady le ho tavela mpanapaky iny. ²⁷Laha misy raiky amy ty hamaroa ty olo lako manota tampoky, amy ty fanavota raha nibekoa Yaveh androzy rey tsy hanovy, sady lafa hainy ty heloky, ²⁸le hampahaizy azy ty ota ze nanoviny, sady handay aosy raiky, aosivavy tsy misy hanja ho sorony ie, ho ahy ty ota ze nanoviny. ²⁹Hampipetsaky ty tanany amy ty loha ty fanomeza iny eo noho ty ota ie sady hamono fanomeza iny noho ty ota amy ty toera iny ty fanomeza oroa. ³⁰Ty mpisoro le handay sombiny amy lio iny amy ty tanany sady hampipetsaky zay amy ty tsifa ty alitara eo ho fanomeza oroa. Handraraky ty amby ty lio iaby iny amy tyvfanambania ty alitara eo ie. ³¹Hangalaky ty sabora iaby ie, manahaky ty nangalà ty sabora tamy ty soro ty fanomezam-pilongoa. Horoa ty mpisoro amy ty alitara eo zay mba hampiboaky imbo manitsy ho an'Yaveh. Hanao fanavota ho ahy ty olo mpisoro iny, sady ho tavela ie. ³²Laha manday anak'aodry hanoviny soro ho fanomeza noho ty ota lahilahy iny, le handay aondry vavy tsy misy hanja ie. ³³Hampipetsaky ty tanany amy ty loha ty fanomeza iny eo noho ty ota ie sady hamono zay ho fanomeza noho ty ota amy ty toera ze hamonoan-drozy eo ty fanomeza oroa. ³⁴Ty mpisoro le hangalaky ty sombiny amy lio iny ty fanomeza noho ty ota amy ty rantsan--tana sady hampipetsaky zay amy tsifa ty alitara rey eo ho fanomeza oroa, sady ho ararany amy ty fanambania ty alitara eo iaby ty lio zay. ³⁵Hangalaky ty sabora iaby ie, manahaky ty nangalà ty sabora anak'aondry iny tamy ty soro ty fanomezam-pilongoa, sady ho oroa ty mpisoro amy ty alitara

eo anabo ty fanomeza Yaveh eo nanovy tamy ty afo zay. Hanova fanavota ho azy ty mpisoro noho ty ota ze nanoviny, sady ho tavela lahilahy iny.

Chapter 5

¹Laha misy olo raiky manota safe tsy nitsanga ie tamy ty raha ze nilà ty fitsanganany vavolombelo, na fa nahita zay ie na nahare ty mikasiky zay, le ho tompon'andraikitsy ie. ²Na laha misy olo mikasiky ze raha fa voatokan-Janahary ho maloto, na ty faty ty biby-li maloto zay na ty faty ty biby haré ze fa maty, na biby milaly, na le tsy mihevitsy ty hikasiky zay aza olo iny, le malota noho meloky ie. ³Na laha mikasiky ty fahalotoa ty olo raiky, ndra ino ndra ino fahalotoa zay, sady laha tsy mahay zay ie, le ho meloky ie lafa mahay ty momba zay. ⁴Na laha misy olo maniry maré amy ty soniny hanao raty, na hanao ty soa, ndra ino ndra ino irý ty lahilahy zay maré amy ty faniria, na le tsy mahay zay aza ie, lafa mahay ty momba zay ie, le ho meloky, amy iaby rey. ⁵Laha meloky amy iaby zay ty olo raiky, le tsy maintsy miaiky ze heloky iaby nanoviny ie. ⁶Le engaho ie handay fanomeza noho ty heloky amy Yaveh noho ty fahota ze fa vitany, biby vavy raiky amy ty aondry noho aosiny, na anak'aondry na aosy, ho ahy ty fanomeza noho ty ota, sady ty mpisoro le hanao fanavota ho azy mikasiky ty fahotany. ⁷Laha hohatsy ka tsy mahavita mivily anak'aondry ie, le mahazo manday domoina roe na pizon vantony roe ho an'Yaveh ie ho fanomeza noho ty heloky noho ty fahotany, raiky ho ahy ty fanomeza noho ty ota sady raiky hafa ho fanomeza oroa. ⁸Engaho ie handay amy ty mpisoro rey any, ze hanome raiky aloha ho ahy ty fanomeza noho ty ota—hoaloha ty loha ie nefa tsy hangalaky zay tanteraky amy ty vata. ⁹Bakeo le hampahery ty antsany amy lio iny ty fanomeza noho ty ota amy ty ila ty alitara eo ie, sady handraraky ty sisiny ty lio amy ty fanamby ty alitara eo ie. Zay ro fanomeza noho ty ota. ¹⁰Tohy i zay le engaho ie hanome ty voro faharoe ho fanomeza oero, manahaky ty voasoritsy ta my torohevitsiko rey ao, sady hanao fanavota ho azy noho ty ota ze fa vitany ty mpisoro, ka le ho engá ty helokiny olo iny. ¹¹Kanefa laha hohatsy ka tsy mahatakatsy domoina roe na , pizon roe ie, ho soro noho ty fahotany le engaho ie handay ampahafolon'efaha amy ty koba soa lisa ho ahy ty fanomeza noho ty ota. Engaho ie tsy hanisy solobonio na lintan-kazo manitsy amy zay, safe fanomeza noho ty ota zay. ¹²Engaho ie handay zay amy ty mpisoro any, sady hangalaky tana raiky amy zay ty mpisoro ho fanomezam-pahatiaroava sady bakeo handoro zay amy ty alitara eo, anabo ty fanomeza naovy tamy ty afo eo ho ahy Yaveh. Zay ro fanomeza noho ty ota. ¹³Hanao fanamboara ho ahy ze fahotavita ty olo ty mpisoro, sady le ho engà olo zay. Ty sisa baka amy ty fanomeza rey le ho ahy ty mpisoro, manahaky ty amy ty fanomeza voa. ¹⁴Le nivola tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ¹⁵"Laha misy olo mandika lily noho manota raha ze ahy Yaveh rey, fe nanao zay tsy tampoky, le enganie ie handay ty fanomeza ny noho ty heloky ho ahy Yaveh. Fanomeza zay le tsy maintsy aondry lahy tsy misy kilema baka amy aondry noho aosy rey; ty lanja zay engaho ho ho atsiky amy ty sekely volafoty—ty sekely ty fipetsaha masy—ho fanomezz noho ty heloky. ¹⁶Enganie ie hanao ze mahafa-po an'i Yaveh noho ze raty fa vitany mifankahazo amy ty masy, sady enganie ie hanampy raiky ampahalimy amy zay sady hanome zay ho ahy ty mpisoro. Le hanao fanamboara ho azy amy ty aondrilahy ty fanomeza noho ty heloky ty mpisoro, ka le ho engá olo zay. ¹⁷Laha misy olo manota noho manao ze raha fa nibekoa an'Yaveh tsy hatao, na le tsy nahay zay aza ie, le mbo meloky ie ka tsy maintsy hilaña ty helokiny avao. ¹⁸Enganie ie handay aondrilahy raiky tsy misy hanja baka amy aondry noho aosy rey, ze maeva ty benefisiny, ho fanomeza noho ty heloky ho ahy ty mpisoro. Bakeo le hanao fanamboara ho azy mikasiky ty fahota ze fa vitany ty mpisoro, amy ze tsy nahainazany, ka le ho engà ie. ¹⁹Zay ro fanomeza noho ty heloky, sady le meloky vatany ie anila Yaveh eo."

Chapter 6

¹Novola tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ² "Laha misy olo manota sady mandika ty lalà manohitsy an'Yaveh, manahaky ty hoe mifanaraky ambaliky miaraky amy ty namany mikasiky ty raha ze nanikiny taminy, lana mamitaky ie na mandrava azy, na nampalahelo ty namany,³ na nahita raha ze nikapohy ty namany ka le mavandy ty amy zay, sady miay amy ty vandy, na ty amy raha manahaky ty hanota ty olo rey, ⁴le, laha manota ie ka meloky, le tsy maintsy hampimpoly ze iaby nalany tamy ty alala ty fandrava na fampijalea na nangalaky ze nankiny taminy na raha tsobo ka le hita ndraiky.⁵Na navandy ty amy ty raha-iaby ie, le tsy maintsy hampimpoly iaby zay sady tsy maintsy hanampy raiky am-pahalimy honera amy ze tompo zay, amy ty aondro ze nampeloky azy. ⁶Le tsy maintsy handay ty fanomeam-panamboara ho an'Yaveh ie: aondry lahy tsy misy hanja baka amy ty aondry noho ty aosy ze maeva ty tombokiny, ho fanomeam-panamboara ho ahy ty mpisoro. ⁷Hanao fanavota ho azy aloha Yaveh eo ty mpisoro, sady ho engá amy ze iaby naha avy azy ho meloky amy ty nanoviny ie."⁸Le nivola tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ⁹ "Beko i Arona noho anany rey, anambarao hozao: 'Zao ro lalà ty fanomeza oroa: Tsy maintsy anabo fataperany ty alitara eo anay ty haliky iaby zisiky maray ty fanomeza oroa, sady ty afo ty alitara le henga hirehitsy avao.¹⁰Hanao ty rongony foty ty mpisoro, sady hanao ty atin'akanjo rongony foty avao koa ie. Hangalaky lavenoky ze sisa tafara ty nandevena ty afo rey ty fanomeza oroa anabo ty alitara ie. sady hampipetsaky lavenoky anila ty alitara eo rey. ¹¹Hangalaky fisikinany eo ie sady hampilitsy akanjony rey hafa mba handaisany lavenoky rey hiboaky ty toby ho amy ty toera ze malio any.¹²Ty afo amy ty alitara eo le henga hirehitsy avao. Enganie tsy hiboaky zay, sady mpisoro rey le handoro hazo anabo zay eo isaky maray. Handamy ty fanomeza oroa manahaky ze také amy zay ie, sady handoro ty sabora ty fanomezam-pilongoa ie. ¹³Engao hirehitsy anabo alitara eo mandrakariva ty afo. Enganie tsy hiboaky zay.¹⁴Zao ro lalà ty fanomeza voa. Hanome zay aloha Yaveh eo oloha ty alitara anakilahy Arona rey. ¹⁵Hangalaky koba soa lisa mameno ty tana amy ty fanomeza voa noho amy ty solobonio sady lintan-kazo manitsy ze anabo ty fanomeza voa ty mpisoro eo, sady handoro zay anabo alitara eo mba hampiboaky imbo manitsy manahaky ty fanomezam-pahatiaroava zay. ¹⁶Hihina ze sisa amy ty fanomeza i Arona noho anakilahiny rey. Tsy maintsy hohany tsy misy lalivay amy ty fipetsaha masy ao zay. Hihina amy ty kianja ty 5sano lay fitojeha ao ndrozy. ¹⁷Engaho tsy ketsehy miaraky amy ty lalivay zay. Nameako ho anjaran-drozy amy ty fanomezako nanovy tamy ty afo zay. Masy bibiky zay, manahaky ty fanome- noho ty ota sady fanomeam-panamboara zay. ¹⁸Fa anay ty fotoa iaby hiavia tarihanao farany rey, tariha lahilahy ilany baka amy Arona reyble enganie hihina zay manahaky ty fizarany, nala baka amy fanomezan'Yaveh rey nanovy tamy ty afo. Ndra ia ndra ia mikasiky zay le ho avy masy."¹⁹Ka le nivola tamy Mosesy ndraiky Yaveh, nanao hozao: ²⁰"Zao ro fanomezan'Arona noho anakilahiny rey, ze hamean-drozy an'Yaveh amy ty andro ze nanosora anakilahiny iaby rey: ty ampahafolo ty efaha amy ty koba soa lisa ho fanomeza voa fanovy mahazatsy, antsasaky amy zay amy ty maray sady ty antsasaky ty amy zay amy ty hariva. ²¹Ho vita amy ty menaky anay lasitsa mofo zay. Lafa mipako menaky zay, le handesinao militsy. voaendy noho hanomeza ty fanomeza voa mba hampiboaky hanitsy malemy ho ahy Yaveh. ²²Ty anakilahy ty mpisoro ze avy ho mpisorobe vaovao amy anakilahiny rey ro hanome zay. Manahaky ty fa nibekoa bakabakany zay, le horoa ho an'Yaveh iaby zay.²³ Ty fanomeza voa ty mpisoro le ho oroa iaby. Enganie tsy ho hany zay."²⁴Nivola tamy Mosesy ndraiky Yaveh nanao hozao: ²⁵"Mivolana amy Arona noho anakilahiny rey, manao hoe: "Zao ro lalà ty fanomeza noho ty fahota: Ty fanomezz noho ty fahota le tsy maintsy vonoa amy ty toera eo ze hamonao ty fanomeza oroa alohan'Yaveh eo. Zay ro masy bibiky. ²⁶Ty mpisoro ze hanome zay ho ahy ty fahota le hihina zay. Tsy maintsy hohany amy ty fitoera masy zny amy ty kianja ty tsano lay fitojeha ao zay.²⁷Ndra ia ndra ia mikasiky ty hena zay le ho hanjary masy, say laha misy lio mipitsiky amy ty akanjo, le tsy maintsy sasa amy ty toera masy any ty faritsy ze nipitihany. ²⁸Fa ty valany fotaky ze nampandevazy say le hovaký. Laha nampandevazy tanay valany saba zay, le enganie hokosehy noho hosasa malio amy rano zay.²⁹Ty lahilahy sasany amy mpisoro rey le mahazo mihina amy zay safe masy bibiky zay. ³⁰Fa laha misy fanomeza noho ty fahota ka le andesy amy ty tsano lay fitojeha ao mba hananova fanamboara ty liony le enganie tsy hohany. Enganie horoa zay.

Chapter 7

¹Zao ro lalà amy ty fanomeza noho ty heloky. Zay ro masy bibiky. ²Engaho ndrozy hamono ty fanomeza noho ty heloky amy ty toera famonoa zay ro, sady enganie ndrozy hampiparitaky ty lio isaky ty lafy ty alitara. ³Ty sabora iaby amy zay eo le hamea: ty hohy matavy, ty sabora ze miodidy ty anainy ao, ⁴ty voa roe noho ty sabora amy zay eo, ze manariny ty valahany, sady ze mirakotsy ty aty, miaraky amy voa rey—le engaho halà iaby iaby zay. ⁵Engaho handoro faritsy rey amy ty alitara ty mpisoro rey mba ho fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh Yaveh. Zay ro fanomeza noho ty heloky. ⁶Ty lahilahy kirai-draiky amy ty mpisoro ro le engaho hihina ty antsasany amy fanomeza io. Engaho hohany amy ty fitoera masy eo safe masy bibiky. ⁷Manahaky ty fanomeza noho ty heloky ty fanomeza noho ty ota. Mitovy ty lalà mahazo amin-drozy. Rey ro ahy ty mpisoro ze manao fanamboara amin-drozy. ⁸Ty mpisoro ze anila fanomeza oroa ty olo le tokony hana ty holitsy soro zay ho azy. ⁹Ty fanomeza voa iaby ze niketsehy tanay laforo tao, noho ty fanomeza manahaky iaby zay nandesy tamy ty lasitsa fanendesana niketsehy tamy ty lasitsa fiketseha le ho ahy ty mpisoro ze nanome zay. ¹⁰Ty fanomezz voa iaby, na maiky na naharo tamy ty menaky, le ho ahy ty tariha Arona iaby avao koa. ¹¹Zao ro lalà amy ty soro ty fanomezam-pilongoa ze hamea ty olo ho an'Yaveh. ¹²Laha misy manesy zay mba ho fanomezam-pisaora, le engaho ie hanome zay miaraky amy ty soro ty mofo tsy misy lalivay fe nafangaro tamy ty menaky, ty mofo tsy misy lalivay, fe mihosotsy menaky, sady ty mofo nanovy tamy ty koba soa lisa ze nirobihy tamy menaky. ¹³Anainy ao ty tanjony ty fanomezam-pisaora avao koa, le enganie ie hanome tapa-mofo nadia lalivay miaraky amy ty fanomezam-pilongoany. ¹⁴Enganie ie hanome karazany raiky baka amy soro rey ho fanomeza hiseho amy Yaveh eo. Ho ahy ty mpisoro ze nanaparitaky ty lio ty fanomezam-pilongoa tamy ty alitara teo zay. ¹⁵Engaho ty olo ze maneho ty fanomezam-pilongoa mba ho fanomezam-pisaora hihina ty hena ty fanomezany amy ty andro ty soro. Enganie tsy hanenga sisa amy zay zisiky maray ty andro ie. ¹⁶Fa laha ho amy ty voady ty soro ty fanomezany, ma ho amy ty fanomezz an-tsitsapo, le engaho hohany amy ty andro ze hanaterany ty sorony ty hena, fa ndra ino ino mety ho sisa amy zay le azo hany hamaray iny. ¹⁷Ndra zay aza, ndra ino ino hena soro tavela amy ty andro fahatelo le engaho horoa. ¹⁸Laha misy hena soro amy ze fanomezam-pilongoa nihaniny amy ty andro fahatelo, le tsy henké zay, na ho tandraha ze nanome azy. Ho raha mampangoritsy zay, sady ty olo ze mihina zay le handay ty heloky ty otany. ¹⁹Ze hena mikasiky raha maloto le enganie tsy hohany. Engaho horoa zay. Ty hena sasany, le azon'olo malio hany zay. ²⁰Na zay aza ka le, zeolo maloto mihina hena baka amy ty soro ty fanomezam-pilongoa ze an'Yaveh—le engaho olo zay halà amy ty olo lakony eo. ²¹Laha misy olo mikasiky raha maloto—na fahalotoan'olo, na biby maloto, na raha maloto noho mampangoritsy hafa, sady laha mihina tamy soro ty fanomezam-pilongoa ze an'Yaveh iny ie bakeo, le engaho olo zay halà amy ty olo lakony eo. ²²Sady nivola tamy Mosesy Yaveh, nanak hozao: ²³"Miresaha amy ty olo lakon'Israely sady volano hoe: 'Ao nareo tsy hihina ty sabora ty aomby na aondry na aosy. ²⁴Ty sabora ty biby ze maty tsy tamin-tsoro, na ty sabora ty biby nirivajivaty ty biby-li, ro azo ampiasa amy ty raha hafa, fa ao nareo tsy hihina zay mihintsy. ²⁵Ndra ia ndra ia olo mihina ty sabora ty biby ze mety anovy ty olo ho soro nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh, le engaho halà amy ty olo lakony olo zay. ²⁶Ao nareo tsy hihina lio ndra baka amy ty ino ndra baka amy ty ino an-tsanonareo ao, ndra baka amy ty voro zay ndra biby. ²⁷Ndra ia ndra ia mihina lio, le engaho halà amy ty olo lakony eo olo zay. ²⁸Ka le niresaky tamy Mosesy Yaveh sady nivola hozao: ²⁹"Miresaha amy ty olo lakon'Israely sady volano hoe: 'Enganie handay anjara soro ho an'Yaveh ze manesy fanomeza ty sorom-pilongoa ho an'Yaveh. ³⁰Ty fanomeza ho an'Yaveh ze hanovy amy ty afo, le ao ty tanany avao ro handay zay. Engaho ie handay ty sabora miaraky amy ty tsatsa, ka le ao hahevaheva ho fanomeza ahevaheva aloha Yaveh eo zay. ³¹Engaho ty mpisoro handoro ty sabora amy ty alitara eo, fa ty tsatsy ro ahy Arona noho tarihany rey. ³²Engaho hameanareo ty mpisoro ty feny ankavana ho fanomeza aseho amy ty soro ty fanomezam-pilongoanareo. ³³Ty mpisoro, raiky amy tariha Arona rey, bze manome ty lio ty fanomezam-pilongoa noho ty sabora—le hahazo ty feny ankavana ie hanahaky ty anjarany amy ty fanomeza. ³⁴Fa nirambesiko tamy ty olo lakon'Israely, ty tsatsa ty fanomeza ahevaheva, noho ty feny ze fandrambesa anjara, sady le namea an'i Arona mpisoro rey noho anakilahiny rey ho anjara mahazatsy ho an-drozy. ³⁵Zay ro anjara ho an'i Arona noho ty tarihany baka amy ty fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh, tamy ty andro ze nanomeza Mosesy androzy mba hanompo an'Yaveh amy ty asa maha mpisoro. ³⁶Zay ro anjara ze nibekoa Yaveh hamea androzy baka amy ty olo lakon'Israely, tamy ty andro nanosora ty mpisoro. Zay zisiky any ro ho anjaran-drozy zisiky amy ty tariha farany. ³⁷Zay ro lalà amy ty fanomeza oroa, amy ty fanomeza voa, amy ty fanomeza noho ty ota, amy ty fanomeza noho ty heloky, ty fanomezam-panokana, noho ty soro ty fanomezam-pilongoa, ³⁸ze fa nanomezan'Yaveh lily an'i Mosesy tam-bohitsy Sinay eo tamy ty andro ze nibekoa ty olo lakon'Israely mba hanome ty soron-drozy ho an'Yaveh tan-tany efitsy any."

Chapter 8

¹aveh nivola tamy Mosesy, nanao hozao: ²"Alao i Arona noho anakilahiny rey miarakany aminy, fisikina noho ty solo-bonio fanosora rey, ty aomby lahy ho ahy ty fanomeza noho ty ota, ty aondry lahy roe, sadg sobiky fipetsaha mofo tsy masira. ³Avonjeo amy ty filira ty tsano lay fitojeha ty fiangona eo iaby." ⁴Ka le nanao manahaky ze nibekoa Yaveh azy Mosesy, sady avy nivory tamy ty filira mana amy ty trano-lay fitojeha ty fiangona eo. ⁵Bakeo nivola tamy ty fiangona eo Mosesy hozao: "Zao ro nibekoa Yaveh ho tanterahanao." ⁶Nandesy Mosesy i Arona noho anakilahiny rey sady tamy ty nisasany tamy ty rano ndrozy. ⁷Nampananoviny an'Arona ty sikilava sady nafehony tamy ty andilany ty haba eo, nampisikinany tohim-bata ie sady nasiany efoda taminy teny, sady le nafehiny taminy teo ty efoda niarakany tamy ty siky voatsebiky maliniky ka le nifeheziny taminy teny zay. ⁸Nengany taminy teny ty saron-tsatsa, sady tanay saron-tsatsa iny ro nasiany ty Orima noho Tomima. ⁹Nampipetsaky ty hamama tamy ty lohany eo ie, sady tanay ty hamama ao, taloha teo, ro nanasiany ty takela-bolamena, noho ty diadema masy, manahaky ty nibekoan'Yaveh zy. ¹⁰Nandramby solo bonio fanosora iny i Mosesy, la nanosotsy ty tabernakely noho ze iaby taminy sady nanoka reny ho ahy Yaveh. ¹¹Nandraraky ty solo-bonio tamy ty alitara impito teo ie, sady nanosotsy ty alitara noho enta iaby tanainy tao rey, sady ty vondraky noho ty lela-tombokiny, mba hanoka ho an'Yaveh rey. ¹²Nandraraky ty ila ny tamy ty solo-bonio fanosora tamy ty lohan'Arona ie ka le nanosotsy azy mba hanoka azy. ¹³Nandesy Mosesy anakilahy Arona rey sady nampisikinany akanjo lava ndrozy. Namehy haba tamy ty tanilan-drozy ie sady namono siky rongony foty tan-dohan-drozy teny, manahaky ty nibekoan'Yaveh azy. ¹⁴Nanday tyvaomby lahy ho amy tybfanomeza noho ty ota Mosesy, sady Arona noho anakilahiny rey le nametsaky ty tanan-drozy tamy ty loha ty aombilahy ze baka nandesin-drozy rey teo ho amy ty fanomeza noho ty ota. ¹⁵Nivonony zay, sady nangalaky ty lio noho alitaravtamy ty tamy ty tsifa ty alitara tamy ty tondrkny ie, nanalio ty alitara, nandraraky ty lio tamy ty fanambany ty alitara, ka le nanoka zay ho ahin-Janahary mba hananovany fanamboara ho amy zay. ¹⁶Nangalaky ty sabora iaby ze tanainy ie, ty saro ty aty, noho voa roe rey sady ty saborany, sady nandoro rey tamy ty alitara eo i Mosesy. ¹⁷Fa aombilahy iny, ty holitsiny, ty henany, noho ty tain-drrohany koa le nioroany ambaliky ty toby, manahaky ty nibekoa Yaveh azy. ¹⁸Nanome ty aondrilahy ho amy ty fanomeza oroa Mosesy, sady Arona noho anakilahiny rey le nampipetsaky ty tanany tamy ty Lohan'aondrilahy iny. ¹⁹Nivonony zay ka le nararakany miodidy ty lafy ty alitara iaby ty liony. ²⁰Nitinapatapany aondrilahy iny sady nioroa ty lohany noho ilany rey sady ty saborany. ²¹Nisasany tamy ty rano ty atiny noho ty tombony, sady nioroa ty aondrilahy iaby tamy ty alitara teo ie. Zay ro fanomeza oroa sady nampiboaky hanitsy soaso azy, fanomeza nanovy tamy ty afo an'Yaveh manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Mosesy. ²²Bakeo le nanome aondry lahy raiky hafa i Mosesy, ty aondry lahy ty fanamasina, sady Arona noho anakilahiny rey le nampipetsaky ty tanany tamy ty loha aondrilahy iny. ²³Nivonoa Arona zay, sady nangalaky tamy liony iny Mosesyva nampipetsaky zay tamy ty tsifa ty ravin-tsofy Arona ankavana, tamy ty tondro-be ty tanany ankavana, noho tamy ty tondro-be ty tombokiny ankavana. ²⁴Nandesiny anakilahy Arona, sady nampipetsaky ilany tamy lio iny tamy ty tsifa ty ravintsofin-drozy ankavana eo, tamy ty tondro-be ty tanan-drozy ankavana, noho tamy ty tondro-be ty tombon-drozy ankavana ie. Bakeo Mosesy nandraraky ty lio ze miodidy ty lafy ty alitara iaby. ²⁵Nalany ty sabora, ty hohy matavy, ty sabora iaby ze taniny ao, ty saro ty aty, ty voa roe noho ty saborany, sady ty feny ankavana. ²⁶Baka amy ty sobiky fipetsaha mofo tsy misy lalivay ze tanila Yaveh eo, ro nangalany mofo tsy misy lalivay raiky, sady mofo ofasy solobonio, noho mofo matify, sady nampipetsaky tamy ty sabora eo amy ty fe ankavana. ²⁷Nabelany tan-tana i Arona eny noho tana ty anakilahiny iaby rey narabirabiny tanila Yaveh eo mba ho fanomeza arabiraby eo. ²⁸Le nangalaky rey tan-tanan-drozy teny i Mosesy ka le nandoro rey tamy ty alitara eo ho amy ty fanomeza oroa. Rey ro fanomeza fanamasina sady nampiboaky hanitsy soaso azy. Zay ro fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh. ²⁹Nandramby ty tsatsa noho nandrabiraby zay ho fanomeza arabiraby ho an'Yaveh i Mosesy. Zay ro fizara i Mosesy ty aondrilahy ho ahy ty fanokana mpisoro rey, manahaky ty nibekoa Yaveh azy. ³⁰Nangalaky tamy solobonio fanosora iny noho ty lio ze tamy ty alitara teo i Mosesy; nandraraky tamy Arona rey, tamy ty akanjony, tamy anakilahiny rey, noho tamy ty akanjony anakilahiny tey ie. Manahaky zay ro nanokanany an'i Arona noho ty akanjony, sady anakilahiny rey noho ty akanjon-drozy ho an'Yaveh. ³¹Ka le nivola tamy Arona noho anakilahiny Mosesy rey hozao: "Ampandevazy amy ty filira eo mana amy ty tsano lay fitojeha any ty hena, sady hano zay noho ty mofo ze anay ty sobiky ty fanamasina, manahaky ty nibekoa, nanao hozao: 'Hihina zay i Arona noho anakilahiny Rey.' ³²Ze iaby sisa amy ty hena noho ty mofo le engaho horoanao. ³³Mba ka miboaky baka amy ty filira ty tsano lay fitojeha eo anay ty heloky ao nareo, zisiky havitako andro ty fanokana anareo rey. Fa Yaveh ro hanamasy anareo anay heloky ao. ³⁴Ze fa nanovy androany-- le nibekoan'Yaveh ho vita mba hananova fanorena ho anareo. ³⁵Hipetsaky andro aman'aly amy ty filira ty tsano lay fitojeha ao anay ty

lilin'Yaveh, mba tsy ho maty nareo, safe zay ro fa nibekoa ahy." ³⁶Ka le nanao raha iaby rey ze nibekoan'Yaveh androzy tamy ty alalan'i Mosesy i Arona noho anakilahiny rey.

Chapter 9

¹Tamy ty andro fahavalo le nikaihy i Arona noho anakilahiny rey sady olo bevatan'Israely rey. ²Nivola tamy Arona ie hozo: "Mangalà anak'aomby baka amy ty andian'aomby ho fanomeza noho ty fahota, sady anak'aondry tsy misy hanja ho fanomeza oroa, sady hamea aloha Yaveh eo rey. ³Enganie iha hivola amy ty olo lakon'Israely ka le hanao hozo: 'Mangalà aosy lahy ho fanomeza noho ty ota sady anak'aomby noho anak'aondry, samby herintao sady tsy misy hanja, ho ahy ty fanomeza oroa; ⁴mangalà avao koa aomby noho aondry lahy ho ahy ty fanomezam-pilongoa mba ho soronareo aloha Yaveh, sady fanomeza voa mifangaro amy ty solobonio, safe hiseho aminao henakio Yaveh. '" ⁵Ka le nanday iaby rey ze nibekoan'i Mosesy ho amy ty tsano lay fitojeha ao ndrozy, sady namonjy fiangoanan'Israely iaby rey sady nitsanga taloha Yaveh eo. ⁶Le nivola Mosesy hozo: "Zao ro nibekoa an'Yaveh anareo mba hanovy, mba hafaha ty voninahiny miseho aminareo." ⁷Nivola tamy Arona i Mosesy hozo: "Mamonjea anila alitara eo sady ameo ty fanomeza noho ty otanao noho ty fanomeza oroa, sady mananova fanamboara ho ahy ty vatanao noho ho ahy ty olo lako, sady ameo ho ahy olo lako mba hananova fanamboara ho ahin-drozy ty soro, manahaky ze nibekoa Yaveh. '" ⁸Ka le nandeha nanariny ty alitara i Arona sady namono ty anak'aomby ho fanomeza noho ty ota, ze ho ahy ty vatany. ⁹Natorony anakilahy Arona rey taminy lio iny, sady nitehaky ty rantsan-tanany tanay zay ie sady nampipetsaky zay anabo ty tsifa eo ty alitara; bakeo le nanisy tyblio tamy ty fanambania ty alitara eo ie. ¹⁰Ndra zay aza, nandoro ty sabora, voa rey, sady sarak'aty tanabo alitara eo ho fanomeza noho ty ota manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Mosesy ie. ¹¹Ty hena noho ty holitsy le nioroany tanivo ty toby eo. ¹²Nivonony Arona fanomeza oroa iny, sady namea ty anakilahiny azy ty liony, ze nahosony tamy ty lafy ty alitara iaby eny. ¹³Le namean-drozy azy isaky ty antsasany ty fanomeza oroa, miarakay amy lohany iny, sady nandoro zay tanabo alitara eo ie. ¹⁴Nanasa tanay rey ao noho tombony rey ie sady nioroa tanabo ty fanomeza oroa eo tamy ty alitara rey eo. ¹⁵Nanome ty soro ty olo lako i Arona—aosy lahy raiky, sady nangalaky zay ho soro noho ty otan-drozy sady namono zay; nanao soro zay noho ty ota ie, manahaky ze nanoviny tamy aosy lahy velohany iny. ¹⁶Nampitro ty fanomeza oroa noho nanome zay manahaky ze nibekoa Yaveh ie. ¹⁷Nampitro ty fanomeza voa ie; nanatsiky ty tanany tamy zay ie sady nandoro zay tanabo alitara eo, miarakay amy ty fanomeza oroa maray. ¹⁸Nivonoa avao koa ty aomby noho ty aosy lahy, soro ho ahy ty fanomezam-pilongoa, ze ho ahy ty olo. Namea ty anakilahy Arona azy ty liony, ze nararakay tamy ty lafy ty alitara eny iaby. ¹⁹Na zay aza, nalan-drozy ty sabora aomby noho aosy lahy iny, ty sabora ze mandrakotsy ty tanainy ao, voa rey, sady ty sarak'aty. ²⁰Nangalaky ty zara ze voarasa ndrozy sady nampipetsaky zay tanabo ty tsatsy eo, sady le nandoro ty sabora tanabo ty alitara eo i Arona. ²¹Sady Arona nandraboraby tsatsa noho ty feny ankavana rey ho fanomeza arabiraby taloha Yaveh eo, manahaky ty fa nibekoa i Mosesy. ²²Le nanonjotsy ty tanany tamy ty olo lako eo i Arona sady nitsipi-rano androzy; le nijotso baka amy ty fanatera ty fanomeza noho ty ota ie, ty fanomeza oroa, sady ty fanomezam-pilongoa. ²³Nilitsy tamy tyvtsano lay fitojeha ao i Mosesy noho Arona, bakeo le niboaky ndraiky ndrozy ka le nitsipi-rano ty olo lako, sady niseho tamy ty olo iaby ty voninahitsy Yaveh. ²⁴Nisy afo niboaky baka amy Yaveh any ka le nandrava ty fanomeza oroa noho ty sabora tanabo alitara eo. Lafa nahita zay ty olo iaby, le nikoraky ndrozy sady nampiondriky ty tarehiny.

Chapter 10

¹Nadaba noho Abiho, anakilahy Arona, le samby nangalaky ty fandaisan'afony, nanisy afo tamy zay eo, sady bakeo lintan-kazo manitsy. Bakeo ndrozy nanome afo tsy nenkea tanila Yaveh eo, zevtsy nibekoany androzy mba hamea. ²Ka le nisy afo niboaky baka anila Yaveh eo sady nandrava androzy, sady maty taloha Yaveh eo ndrozy. ³Bakeo Mosesy nivola tamy Arona hozo: "Zao ro niresahy Yaveh lafa nivola Ue hoe: 'Hanambara ty famasinako amy ze avy manariny Ahy rey Zaho. Hameam-boninahitsy anila ty olo lako iaby eo Zaho.'" Tsy nivola ndra ino ndra ino i Arona. ⁴Nikaiky an'i Misaela noho Elzafana, anakilahy Oziela rahalahy baba Arona i Mosesy, sady nivola tamin-drozy hozo: "Mamonjea atoy sady andeso ambaliky ty toby eny tsy ho anila ty tabernakely rey eo ty rahalahinareo." ⁵Ka le namonjy mariny androzy sady nanday androzy mbo nanao ty akanjo lava maha-mpisoro androzy tambaliky ty toby eny, manahaky ty fa nivolany Mosesy. ⁶Bakeo Mosesy le nivola tamy Arona noho Eleazara sady Itamara, anakilahiny rey hozo: "Mba ka enga hivontavonta ty volo an-dohanareo eo, sady mba ka jiady ty akanjonareo, mba tsy ho maty nareo, sady mba tsy ho meloky amy ty fiangona iaby Yaveh. Fa engao longonareo rey, ty tarihan'Israely iaby, mba hisaona ze nioroa ty afo Yaveh rey." ⁷Engaho tsy handeha ambaliky ty filira amy ty lay fitojeha ao nareo, laha tsy zay le ho maty nareo, safe aminareo ty solobonio fanosora Yaveh. " Ka matahotsy nanao manahaky ty safa Mosesy ndrozy. ⁸Niresaky tamy Arona Yaveh, nanao hozo: ⁹ "Mba ka mino divay na raha-finomy mahery, iha, na anakinao lahy ze sisa miaraky aminao rey, lafa mandeha amy ty lay fitojeha any, mba tsy ho maty nareo. Ho lalà ela ho ahy ty tariha ty olo lakonao zay, ¹⁰mba hanavaha ty masy noho ty tsy masy, sady ty maloto noho ty malio, ¹¹ Ka mba hampianatsy ty olo lakon'Israely lalà iaby ze nibekoa Yaveh tamy ty alala Mosesy iha." ¹²Niresaky tamy Arona noho Eleazara sady Itamara, anakilahiny sisa tavela i Mosesy hozo: "Alao ty fanomeza hohany ze tavela baka amy fanomeza nanovy tamy ty afo ho ahy Yaveh rey, sady hano miaraky amy ty lalivay anila ty alitara eo zay, safe masina bibiky zay. ¹³Enganie nareo hihina zay amy ty toera masy so, safe anjaranao noho anjara anakilahinao rey tamy fanomeza vita tamy ty afo ho ahy zay, fa zay ro nibekoa ahy ho vola aminao. ¹⁴Ty tsatsany ze mirabiraby noho ty feny ze aseho an'Yaveh, le enganie ho haninareo amy ty toera malio enken-Janahary eny. Iha noho anakilahiko rey sady anak'ampelako rey, fa namea ho anjaranao noho anjara anakilahinao baka amy ty soro ty fanomezam-pilongoa ty olo lakon'Israely rey. ¹⁵ Ty feny ze aseho noho ty tsatsany ze mirabiraby, le tsy maintsy andesin-drozy miaraky amy ty sabora nanovy tamy ty afo, mba harabiraby anila Yaveh eo. Ho anao noho anakilahinao rey miaraky aminao manahaky ty anjara mandrakizay rey, manahaky ty nibekoa Yaveh. ¹⁶keo Mosesy nanontany momba aosy nanovy fanomeza iny noho ty ota, sady nahita fa mafana zay. Ka le meloky tamy Eleazara noho Itamara, anakilahy Arona sisa tavela ie; hoy ie hozo: ¹⁷ "Nanino nareo ro tsy nihina fanomeza iny noho ty ota tamy ty faritsy ty tabernakely eo, fa zay ro masy bibiky, sady fa namean'Yaveh anareo mba hangala ty heloky ty goropy zay mba fanamboara ho androzy tanilany eo?" ¹⁸ Ingo, ty liony le tsy nandesy tanay ty tabernakely, ze tokony nihaninareo tamy ty faritsy ty tabernakely, manahaky ty nibekoa." ¹⁹Bakeo Arona namaly an'i Mosesy hozo: "Ingo, androany ro nananovan-drozy ty fanomeza noho ty otany noho ty fanomeza oroany tanila Yaveh eo, sady raha zay le nitsanga tamiko androany. Laha nihina fanomeza iny noho ty ota zaho androany, nankasitsahy Yaveh tamaso Yaveh teo va zay?" ²⁰Lafa ren'i Mosesy zay, le afapo ie.

Chapter 11

¹Niresaky tamy Mosesy noho Arona i Yaveh, nanao hozao: ²"Mivolana amy ty olo lakon'Israely, manao hozao: 'Ndreto iaby raha-mananay ze azonareo hany amy biby iaby rey ze anabo ty tany eto. ³Afaky mihina ty biby iaby ze mivaky kitso noho mampimpoly ota nareo. ⁴Ndra zay aza, na mampimpoly ota na mivaky kitso aza biby ilany rey, le enganie nareo tsy hihina androzy, le biby manahaky ty rameva rey, safe mampimpoly ota ie fa tsy mivaky kitso. Laha zay le maloto ho anareo ty rameva. ⁵Ty hiraky avao koa, safe mampimpoly ota ie fa tsy mivaky kitso, maloto ho anareo avao koa zay. ⁶Ty bitso, le maloto ho anareo, safe mampimpoly ota ie, fa tsy mivaky kitso, ⁷Ty koso, na le mivaky kitso aza, le tsy mampimpoly ie, ka le maloto ho anareo. ⁸Enganie nareo tsy hihina amy ty hena rey, na hikasily ty fatin-drozy. Maloto ho anareo rey. ⁹Biby iaby rey miay anay rano ze azonareo hany le ze mana tsafony noho isany, na amy ty riaky ao na amy ty renirano any. ¹⁰Fa raha-mananay iaby rey ze tsy misy tsafony noho isany anay riaky ao na renirano ro tsy azonareo hany, anay zay ao iaby ze mihetsiky anay rano ao rey noho raha-mananay iaby ze anay rano ao rey---enganie ho hajanareo reny. ¹¹Fa engaho ho hejy reny, enganie nareo tsy hihina ty henany reny; sady ty faty ie reny avao koa le engaho ho hejy. ¹²Ze iaby tsy misy tsafony noho isany anay rano ao le engaho ho hejinareo. ¹³Ndreto iaby voro ze tsy maintsy hohejinareo noho ty tokony ho haninareo: le ty voromahery, ty voltotara, ¹⁴ty papango, ty karaza ankoay iaby, ¹⁵ty karaza goaky iaby, ¹⁶ty vorondolo noho ty vorondolo maneno, ty voron-drano, sady ty karaza ankoay iaby. ¹⁷Enganie nareo halay ty vorondolo kelikely noho ty vorondolo bevata, ty menarana avao koa, ¹⁸ty vorondolo foty noho ty vorondolo sompitsa, ty ibisa, ¹⁹ty vano, ty karaza vanobe iaby, ty takidara, sady ty ramanavy avao koa. ²⁰Bibikelikely manan'elatsy iaby rey ze mandeha amy ty tomboky efatsy le faharivativa ho ahinareo. ²¹Afaky mihina bibikelikely mitily iaby rey ze mandeha amy ty tomboky efatsy nareo laha mana-tomboky anabo ty lela-tomboky hitsekany amy ty tany eo avao ndrozy. ²²Afaky mihina karaza galala bevata rey, solama, ty galala kelikely, na ty ampanga iaby avao koa nareo. ²³Fa bibikelikely mitily iaby ze mana tomboky efatsy rey le tsy maintsy hohejinareo. ²⁴Laha mikasily ty faty ty raiky amy nareo rey le haloto biby rey zisiky maha hariva ty andro. ²⁵Ndra ia ndra ia mitimpo ty raiky amy ty faty rey le tsy maintsy manasa ty fisikinany ie sady mijanona maloto zisiky maha hariva ty andro. ²⁶Ty biby iaby mivaky kitso ze tsy mizaravtanteraky na tsy mampimpoly ota le maloto ho anareo. Ze iaby mikasily azy reny le haloto. ²⁷Ze iaby mandeha amy ty tombony amy biby iaby ze mandeha amy ty tomboky efatsy rey, le maloto ho anareo. Ndra ia ndra ia mikasily ty fatiny le haloto zisiky maha hariva ty andro. ²⁸Ndra ia ndra ia mitimpo ty fatiny le tsy maintsy manasa ty fisikinany-drozy sady maloto zisiky maha hariva ty andro. Biby rey le haloto ho anareo. ²⁹Laha ty amy biby ze milaly rey amy ty tany le ndreto iaby biby ze haloto ho anareo rey: ty kionkiona, ty valavo, ty karaza androngo bevata iaby, ³⁰ty katsatsaka, ty anakà, ty androngo, ty androngom-pasika, sady ty tanalahy. ³¹Amy biby milaly iaby rey, le ro biby ze haloto ho anareo rey. Ndra ia ndra ia mikasily androzy lafa maty rey le haloto zisiky maha hariva ty andro. ³²Laha maty ty ilany amy rey ka le milatsaky amy ty raha, le haloto raha zay, na vita tamy ty hazo, na siky, na holitsy, na siky fisaona say. Ndra ino ndra ino zay sady ndra ino ndra ino ampiasa azy, le tsy maintsy haroboky anay rano; haloto zay zisiky maha hariva ty andro. Sady halio bakeo. ³³Ty valany tanimanga iaby ze hilatsaky ty biby maloto anainy ao na aminy eo, ndra ino ndra ino anay valany ao le haloto, sady tsy maintsy toroenareo valany zay. ³⁴Ty hany iaby ze malio noho azo ho hany, kanefa nilatsaha ty rano baka amy ty valany maloto raiky ao, le haloto. Ze iaby mety ho ninomy tamy ty valany manahaky zay le haloto. ³⁵Ze iaby nilatsaha ty antsasany tamy ty faty ty biby maloto le haloto, ndra lafora zay ndra valany fiketseha. Tsy maintsy toroa zay. Maloto zay ka tsy tokony ho anareo. ³⁶Ty loharano na famorian-drano ze hanangona ty rano finomy le halio avao laha misy biby mananaky zay milatsaky anainy ao. Fa laha misy olo mikasily ty faty ty biby maloto raiky amy ty rano ao, le haloto ie. ³⁷Laha misy antsasaky amy ty faty ty biby maloto milatsaky anabo ty voa fambolea eo, le halio avao voa rey. ³⁸Fa laha tondraha rano voa rey, sady laha misy antsasany amy faty maloto milatsaky amy rey eo rey, le haloto ho anareo rey. ³⁹Laha misy biby ze azonareo ho hany maty, le haloto zisiky maha hariva ty andro mikasily ty fatiny iny. ⁴⁰Ndra ia ndra ia mihina amy faty io le tsy maintsy manasa fisikinany rey sady haloto zisiky maha hariva ty andro. Ze iaby mitimpo ty faty manahaky zay le hanasa fisikinany rey sady haloto zisiky maha hariva ty andro rey. ⁴¹Ty biby iaby ze milaly amy ty tany le hohejy; enganie tsy hohaninreo zay. ⁴²Ze iaby milaly amy ty sarotsony, sady ze iaby mandeha amy ty tomboky efatsy, na ze iaby mana tomboky lako---biby iaby ze mikasily amy ty tany rey, rey ro tsy azonareo hany, safe hohejy rey. ⁴³Enganie nareo tsy handoto ty vatanareo amy raha-manan'ay milaly iaby rey; engaho tsy handoto ty vatanareo amy nareo reny, fa haloto amy nareo reny. ⁴⁴Fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. Tokony ho tandrahanareo ho masy ty vatanareo, noho zay, masý, safe masy Zaho. Engaho tsy handoto ty vatanareo amy ty karazam-biby iaby ze milaly amy ty tany nareo. ⁴⁵Fa Zaho ro Yaveh, ze nanday anareo niala baka amy ty tany Egipta ao, mba ho Njanaharinareo. Noho zay engaho nareo ho masy, safe Zaho ro masy. ⁴⁶Zay ro lalà momba biby rey, voro rey, raha-

manan'ay iaby ze mihetsiky anay rano rey ao, sady biby iaby ze mikisaky amy ty tany rey, ⁴⁷safe tokony hisy fanavaha amy ty maloto noho malio eo, sady amy raha-manan'ay ze azo hany rey eo, raha-manan'ay ze tsy azo hany rey."

Chapter 12

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: ²"Miresaha amy ty olo lakon'Israely, manao ozao: 'Laha misy ampela manan'anaky ka le miteraky aja lahilahy, le haloto anay ty fito andro ie, manahaky ty fahalotoany anay ty falimbolany rey.³ Amy ty andro faha-valo le engaho hosavary ty maha lahilahy ty aja lahilahy.⁴Bakeo ty fanaliova baka amy ty liony reny iny le hitohy anay ty telopolo telo amby andro. Tsy tokony hikasiky raha masy ie na hilitry amy ty faritsy ty tabernakely ao zisiky maha tampitsy ty andro fanaliova azy. ⁵Fa laha teraky ajam-pela ie, le haloto anay ty roe herinandro, manahaky ty anay ty falimbolany. Le hitohy anay ty enimpolo enin'amby andro ty fanaliova iny reny.⁶Lafa tampitsy ty andro fanaliova azy, na ho ahy ty anakilahy na anak'ampela, le tsy maintsy manday aondry herintao raiky ho fanomeza oroa ie, sady anaky-pizon roe na domoina mba ho fanomeza noho ty ota, ho amy ty filira eo amy ty lay fitojeha ao, ho amy ty mpisoro ro.⁷Bakeo ie le hanome zay anila Yaveh eo sady hanao fanorena ho azy, le halio amy ty fiotsaha ty liony ie. Zay ro lalà amy ty ampela ze miteraky na ajalalahy na ajam-pela. ⁸Laha tsy afaky manome aondry ie, le tsy maintsy mangalaky pizon roe na anaky-pizon roe, ty raiky ho fanomeza oroa sady ty raiky hafa ho fanomeza noho ty ota, sady hanao fanamboara ho azy ty mpisoro; le halio ie bakeo."

Chapter 13

¹Niresaky tamy Mosesy noho Arona Yaveh, nanao hozao: ²"Lafa misy mamoy na manampy-fery na mihandro-drà amy ty holitsy ty vatany ka le nanjary mamalo zay sady misy aretin-kolitsy ty vatany, le tsy maintsy andesy amy Arona mpisoro bevata any ie, na amy raiky amy anakilahiny mpisoro rey.³Bakeo mpisoro iny le hanenty ty arety amy ty holitsy ty vatany eo. laha nivalo foty ty volo amy ty tandrify arety iny eo, sady laha hita fa laliky maré noho ty amy ty holitsy avao arety iny eo, le nanjary arety mifindra zay. Sady afara ty fanentea ty mpisoro azy, le tsy maintsy manambara azy ho maloto ie. ⁴Laha fotifoty ty tandrify mihandro-drà amy ty nofotsiny, sady ty endriky zay le tsy laliky maré noho ty amy ty nofotsy, sady laha tsy mivalo foty ty volo amy ty faritsy ty arety, le tsy maintsy atoka mpisoro iny mipetsaky hafa anay ty fito andro azy raiky misy arety iny.⁵Amy ty andro fahafito, le tsy maintsy manenty azy mpisoro iny mba hanenty laha tsy miha-raty arety iny laha ty hevitsiny, sady laha tsy miparitaky amy ty holitsiny zay. Laha tsy misy zay, le tsy maintsy mampitoka raiky azy anay ty fito andro na mandilatsy mpisoro iny. ⁶Hanenty azy ndraiky mpisoro iny may ty fahafito mba hanenty laha miha-soa arety iny sady tsy miparitaky mameno ty nofotsy. Laha tsy misy zay, le hivola azy halio mpisoro iny. Manampy fery zay. Tsy maintsy manasa ty fisikinany ie, sady le halio ie.⁷Fa laha miparitaky amy ty nofotsy ndraiky fery zay tafara ty nampitoroa ty vatany tamy mpisoro tamy ty fahaliovany.⁸ le tsy maintsy hanoro ty vatany amy mpisoro iny ndraiky ie bakeo. Hanenty azy mpisoro iny mba hanenty laha niparitaky mameno ty nofotsy fery iny. Laha niparitaky zay, le tsy maintsy manambara azy ho maloto mpisoro iny. Arety mifindra zay.⁹Laha misy arety-nofotsy mifindra amy ty olo, le tsy maintsy andesy amy ty mpisoro any ie. ¹⁰Hanenty azy ty mpisoro mba hanentea laha misy mamoy foty amy nofotsy iny, laha mivalo foty ty volo, na laha misy mihandro-drà amy ty mamoy. ¹¹ Laha misy, le aretin-kolitsy mihajary zay, sady tsy maintsy manambara azy haloto ty mpisoro. Tsy hanoka petsaky azy ie, safe fa maloto ie.¹²Laha miparitaky lako amy ty holitsy arety iny sady mandrakotsy ty holitsy olo iaby iny azy arety iny amy ty anabo lohany any ka le zisiky amy ty tombokiny any, laha vo hita ty mpisoro zay, ¹³le tsy maintsy hanenty azy mpisoro iny mba hanenty laha mandrakotsy ty vatany iaby arety iny. Laha misy zay, le tsy maintsy manambara ty olo misy arety iny halio ty mpisoro. Laha nivalo foty iaby zay, le malio ie. ¹⁴Fa laha misy nofotsy nihandro-drà miseho aminy eo, le haloto ie.¹⁵Tsy maintsy manenty nofotsy nihandro-drà iny mpisoro iny sady manambara azy haloto safe maloto nofotsy nihandro-drà iny. Arety mifalo zay. ¹⁶Fa laha mivalo foty ndraiky ty nofotsy nihandro-drà, le tsy maintsy mandeha amy ty mpisoro iny any olo iny. ¹⁷Hanenty azy mpisoro iny mba hanentea laha nivalo foty nofotsy iny. Laha niova zay le hanambara ty olo halio mpisoro iny.¹⁸Laha misy bay amy ty nofotsy olo raiky eo ka le afaky zay, ¹⁹sady laha misy mamoy foty na holatsy ty fery, mena foty amy ty toera bay iny eo, le tsy maintsy atoro mpisoro iny zay. ²⁰Hanenty zay mpisoro iny mba hanenty laha miha-milentiky ambany ty nofotsy zay, sady laha nivalo foty ty volo eo, Laha zay, le tsy maintsy manambara azy haloto mpisoro iny. Arety mifalo zay, laha mitombo amy toera ze nisy bay iny eo zay.²¹Fa laha manenty zay mpisoro ka le mahita fa tsy misy volo foty amy zay eo, sady tsy ambany ty nofotsy ao zay fa niala, le tsy maintsy hatoka mpisoro iny raiky anay ty fito-andro ie. ²²Laha miparitaky lako amy ty nofotsy zay, le tsy maintsy manambara azy haloto mpisoro iny. Arety mifalo zay, ²³ Fa laha mijano amy ty toerany holatsy ty fery iny fa tsy niparitaky, le holatsy bay iny zay, ka le tsy maintsy hanambara azy halio mpisoro iny.²⁴Lafa misy may ty nofotsy sady nanjary somary mena-foty na faritsy foty nofotsy nihandro-drà may iny, ²⁵le hanenty zzy mpisoro iny mba hanenty laha nivalo foty ty volo amy faritsy zay, sady laha hita fa laliky maré noho azy tamy ty nofotsy teo zay. Laha misy zay, le arety-mifalo. nanjary haboka tamy azy may iny eo zay, sady tsy maintsy manambara azy haloto mpisoro iny. Arety-mifalo zay.²⁶Fa laha manenty zay mpisoro iny ka le mahita fa tsy misy volo foty amy faritsy iny eo, sady tsy ambany ty nofotsy eo zay fa matroky, le tsy maintsy hatoka ty mpisoro petsaky raiky anay ty fito andro ie. ²⁷Bakeo tsy maintsy manenty azy mpisoro iny amy ty andro fahafito. Laha niparitaky lako tamy ty nofotsy zay, le tsy maintsy hanambara azy haloto mpisoro iny, Arety-mifalo zay. ²⁸ Laha mijano amy ty toerany eo faritsy iny sady tsy miparitaky amy ty nofotsy fa matsoka, le fa mamoinana baka amy may iny zay, sady ty mpisoro le tsy maintsy hanambara azy halio, fa raha tsy misy dikany zay mandilatsy noho ty holitsy ty may. ²⁹Laha misy lahilahy na ampela misy arety-mifalo amy ty loha na saoky eo, ³⁰le tsy maintsy manenty olo amy ty arety-mivalo iny mpisoro iny mba hanenty laha miseho laliky maré noho ty amy ty nofotsy zay, sady laha misy mavomavo, volo matify amy zay ao. Laha misy, le tsy maintsy manambara azy haloto mpisoro iny. Hidihidy zay, arety-mifalo zmy ty loha na amy ty saoky eo zay.³¹Laha manenty arety ty hidihidy mpisoro iny ka le mahita fa tsy ambany ty nofotsy eo zay, sady laha tsy misy volo mainty amy zay, le hampitoka petsaky raiky ty olo misy arety ty hidihidy iny mpisoro iny anay ty fito andro.³² Amy ty andro fahafito le hanenty arety iny mpisoro iny mba hanenty laha niparitaky zay. Laha tsy misy volo mavomvo, sady laha manahaky ty hatevy ty nofotsy fotiny ty fahita arety iny,³³ le tsy maintsy ho soloa ie, fa azy faritsy misy ty arety iny le tsy tokony ho soloa, sady ty mpisoro

le tsy maintsy hampitoka petsaky raiky olo iny amy ty arety ty hidihidy anay ty fito andro.³⁴ Amy ty andro fahafito le hanenty arety iny mpisoro iny mba hanenty laha nijano niparitaky tamy ty nofotsy zay. Laha hita fa tsy matevynoho ty nofotsy zay, le fisy maintsy hanambara azy halio ty mpisoro. Tsy maintsy manasa ty akanjony olo iny, le halio ie bakeo.³⁵ Fa laha miha-miparitaky amy ty nofotsy arety ty hidihidy iny tafara ty nivolana mpisoro iny fa malio ie,³⁶ le tsy maintsy manenty azy ndraiky mpisoro iny. Laha miparitaky amy ty nofotsy arety iny, le tsy mila mila volo mavomvo sasy mpisoro iny. Maloto olo iny.³⁷ Fa laha amy ty fanentiny ty mpisoro le fa nijano niparitaky arety ty hidihidy iny sady nisy volo mainty nitiry tamy ty faritsy, bakeo le afaky arety iny. Malio ie, sady tsy maintsy manambara azy halio mpisoro iny.³⁸ Laha misy lahilahy na ampela misy faritsy foty amy ty nofotsy,³⁹ le tsy maintsy manenty olo mpisoro iny mba hanenty laha mendo faritsy iny, ze fery vaky tamy ty nofotsy avao eo. Le malio ie.⁴⁰ Laha mihintsy amy ty lohany ty volo ty olo raiky, le sola ie, fa malio.⁴¹ Laha milatsaky baka amy ty anabo lohany eo ty volony, sady sola ty anabo handriny, le malio ie.⁴² Fa laha misy ratsy mena-foty amy ty lohany eo sola na anabo handriny eo, le arety-mifalo ze vaky ambaliky atoy zay.⁴³ Bakeo le tsy maintsy manenty azy mpisoro iny mba hanenty laha mena-foty azy faritsy mibongo iny arety amy ty lohany sola eo na ty anabo handriny, manahaky ty endriky ty arety-mifalo amy ty holitsy.⁴⁴ Laha zay, le misy arety-mifalo noho maloto ie. Tsy maintsy manambara azy haloto vatany mpisoro noho ty arety amy ty lohany eo.⁴⁵ Ty olo ze misy arety-mifalo le tsy maintsy manao akanjo tatakany, tsy maintsy avontavonta ty volony, sady tsy maintsy manaro ty tarehiny zisiky amy ty sorony eo ie sady mikaikaiky hozao: 'Maloto, maloto.'⁴⁶ Anay ty andro iaby ze hisia arety-mifalo aminy le haloto ie. Safe maloto arety ze mety mifalo iny ie, le tsy maintsy mipetsaky raiky. Tsy maintsy mipetsaky ambaliky ty toby any ie.⁴⁷ Ty akanjo ze nifaloza ty maty foty, na volon'aondry zay na sikin-drongony foty maliniky,⁴⁸ na raha vita tamy ty toera na nizara tamy ty volon'aondry na rongony foty maliniky na holitsy na raha vita tamy ty holitsy—⁴⁹ laha misy fifaloza manompo maintso na manompo mena amy akanjo iny, holitsy iny, tsanaky iny, na fiasà fitsebeha iny, na raha vita tamy ty holitsy, le maty foty miparitaky zay; tsy maintsy atoro amy ty mpisoro zay.⁵⁰ Tsy maintsy manenty ty mikasiky maty foty iny mpisoro iny; tsy maintsy hatokany anay ty fito andro ty raha iaby ze misy maty foty.⁵¹ Tsy maintsy manenty maty foty iny ndraiky ie amy ty andro fahafito. Laha niparitaky tamy ty akanjo na raha vita tamy ty tsanaky, nizara tamy ty volon'aondry na fiasà rongony foty maliniky, na nofotsy na raha ze nampiasa holitsy, le maty foty mampilitsy-loza zay, sady maloto raha zay.⁵² Tsy maintsy mandoro akanjo iny, na raha vita tamy ty tsanaky, nizara tamy ty volon'aondry na fiasà rongony foty, na holitsy na raha iaby vita tamy ty rongony foty, raha iaby ze hita tamy maty foty mampilitsy-loza iny ie, fa mety handay arety zay. Tsy maintsy oroa tanteraky raha zay.⁵³ Laha manenty raiky ty mpisoro iny sady mahita fa tsy niparitaky tamy ty akanjo na ty raha nitsanaha na nizara tamy ty volon'aondry na rongony, fiasà holitsy maty foty iny, le hibeko androzy mba hanasa ty raha ze nahita maty foty iny,⁵⁴ sady tsy maintsy hatoka petsaky raiky anay ty fitoandro zay.⁵⁵ Bakeo le hanenty raiky mpisoro iny lafa voasasa raha misy maty foty iny. Ndra le tsy niova ty loko azy maty foty iny, sady tsy niparitaky aza zay, le maloto avao zay. Tsy maintsy oroanareo raiky iny, ndra taia ndra taia ro nifaloza maty foty iny.⁵⁶ Laha manenty raiky ty mpisoro iny, sady laha mendomendo maty foty iny lafa voasasa, le tsy maintsy manataky faritsy maloto amy ty akanjo eo na amy ty rongony foty eo, na amy ty tsanaky na fiasà fitsebeha ie.⁵⁷ Laha mbo miseho amy ty akanjo zisiky any maty foty iny, na amy ty toera na amy ty fiasà fitsebeha, na amy ty raha iaby nanovy tamy ty rongony foty, le miparitaky zay. Tsy maintsy mandoro ty raha iaby ze nisy maty foty iny nareo.⁵⁸ Ty siky na raha vita amyl toy tsanaky na nizara tamy ty volon'aondry na raha vita tamy ty rongony foty, na nofotsy na raha vita tamy ty nofotsy—laha manasa raha iny nareo ka le miala maty foty iny, ke tsy maintsy sasà fanindroeny raha iny, le halio zay.⁵⁹ Zay ro lalà momba ty maty foty amy ty akanjo volon'aondry na rongony foty maliniky, na raha nitsanaha na nizara tamy ty volon'aondry na rongony foty maliniky na holitsy na raha vita amy ty holitsy na raha vita amy ty holitsy, mba hafahanareo manambara na malio zay na maloto."

Chapter 14

¹Yaveh nivola tamy Mosesy, nanao hozao: ² "Zao ro ho lalà ho ahy ty boka amy ty andro fananova azy. Tsy andesy amy ty mpisoro any ie. ³Hiboaky ty toby mpisoro ka le hanenty olo iny mba hahaiza ty azo afaha arety-nofotsy iny. ⁴Bakeo le hibeko mpisoro iny fa holiovy iny sady tsy maintsy manday voro velo roe sady malio, hazo sedera, foly jaky, sady hysopa. ⁵ Hibeko azy mba hamono ty raiky amy voro rey amy ty rano laliky eo tamy ty rano mandeha ze anay tavy tanimanga ao mpisoro iny. ⁶Hangalaky voro velo iny noho hazo sedera iny, sady foly jaky noho hysopa iny bakeo ty mpisoro, sady hampijoboky raha iaby rey, mbamy voro velo iny, amy ty lio voro iny ao ze nivonoo tamy rano laliky iny ao tamy ty rano mandeha. ⁷Bakeo le narakaky mpisoro iny im-pito amy olo holiovy iny amy ty arety rano zay, sady bakeo hanambara azy ho malio mpisoro iny. Bakeo le hanafaky voro velo iny ho amy ty baibo malalaky iny any mpisoro iny. ⁸Olo malio iny le hanasa ty fisikinany, hampazava ty volony iaby, sady hampiangro ty vatany anay rano ao, sady le balio ie. Afara zay le tsy maintsy hilitsy amy ty toby ao ie, fe hijano ambaliky lainy eo anay ty fito andro. ⁹ Amy ty andro fahafito le tsy maintsy manazava ty volon-dohany iaby ie, sady manazava ty volom-bavany noho ty volo-masonry avao koa. Tsy maintsy manazava ty volony iaby ie, sady tsy maintsy manasa ty fisikinany noho hampiangro ty vatany anay rano ao; sady le halio ie. ¹⁰ Amy ty andro fahavalo le tsy maintsy hangalaky anak'aondry lahy tsy misy hanja roe ie, anak'aondry vavy raiky tao raiky tsy misy hanja, noho koba soa lisa telo ampahafolo ty efaha voaharo amy ty solo-bonio ho fanomeza hohany, sady solo-bonio raiky loga. ¹¹ Mpisoro ze manalio azy iny le hampitsanga olo holiovy iny, miarakaky amy raha rey, aloha Yaveh eo amy ty filira mana amy ty tsano lay fitojeha eo ao. ¹² Hangalaky ty raiky amy anak'aondry lahy ka le hanome zay ho fanomeza noho ty heloky, miarakaky amy loga-solo-bonio iny mpisoro iny; handrabiraby rey ho fanomeza arabiraby anila Yaveh eo ie. ¹³ Tsy maintsy hamono aondry lahy iny amy ty toera ze famonon-drozy fanomeza noho ty ota noho fanomeza oroa eo ie, amy ty faritsy ty tabernakely ao, fa ahy ty mpisoro ty fanomeza noho ty ota, manahaky zay koa ty fanomeza noho ty heloky, safe zay ro masy bibiky. ¹⁴ Hangalaky amy ty lio ty fanomeza noho ty heloky ka le hampipetsaky zay anabo sofya Havana ty olo iny eo ze holiovy iny, amy ty kikin-tana bevata havana eo, sady amy ty tondro-be havana ty mpisoro iny. ¹⁵ Sady hangalaky solo-bonio baka amy zy loga iny ty mpisoro iny ka le handraraky zay amy ty lelan-tanany ankavia eo, ¹⁶ sady hanajoboky ty ratsan-tanany havana anay ty solo-bonio ao amy ty tanany hiavia eo, sady handraraky im-pito baka amy ty solo-bonio amy ty ratsan-tanany aloha Yaveh eo. ¹⁷ Sady hanosotsy ty amy ty solo-bonio iny tamy ty tanany eo amy ty anabo-sofy havana eo olo holiovy iny, ty kikin-tanany an-kavana, sady ty tondro-be an-kavana mpisoro iny. Tsy maintsy hampipetsaky solo-bonio zay anabo ty lio eo baka amy ty fanomeza noho ty heloky ie. ¹⁸ Sady amy amby solo-bonio rey ze antana mpisoro iny rey, ro hanosotsy zay amy ty loha olo holiovy iny eo ie, sady mpisoro iny ro hanao fanavota ho azy anila Yaveh eo. ¹⁹ Bakeo le hanome ty fanomeza noho ty ota noho hanao fanavota ho azy ze holiovy noho ty fahalotoany mpisoro iny, sady afara zay le hamono ty fanomeza oroa iny ie. ²⁰ Sady bakeo le hanome fanomeza oroa noho fanomeza hohany iny anabo alitara eo mpisoro iny. Hanao fanavota ho ahy ty olo mpisoro iny, sady halio ie. ²¹ Fe, laha tsy mijaly noho tsy mahatakatsy soro rey olo iny, le tokony hangalaky anak'aondry lahy raiky ho fanomeza noho ty heloky mba harabiraby ie, mba hananova fanavota ho ahy ty vatany, noho koba soa lisa raiky am-pahafolo ty efaha voaharo solo-bonio ho fanomeza hohany, sady solo-bonio raiky loga, ²² miarakaky amy ty domoina roe na anaky pizon roe, manahaky ze tsatsiny; voro raiky ho fanomeza noho ty ota sady hafa ho fanomeza oroa iny. ²³ Amy ty andro fahavalo le tsy maintsy manday ho ahy ty fanasa azy amy ty mpisoro rey eo ie, amy ty filira mana amy ty tsano lay fitojeha eo, anila Yaveh eo. ²⁴ Hangalaky anak'aondry ho fanomeza mpisoro iny, sady bakany miarakaky amy zay menaky oliva raiky loga iny, sady hanondrotsy zay anabo ho fanoroa abdrozy amy Yaveh ie rey. ²⁵ Hamono anak'aondry ho ahy ty fanomeza noho ty heloky iny ie, sady hangalaky amy ty lio ty fanomeza amy ty anabo sofya havana eo ho liovy iny, amy ty kikin-tanany an-kavana eo, sady amy ty tondro-beny an-kavana. ²⁶ Bakeo le handraraky amy solo-bonio iny am-pelatanany an-kavia eo mpisoro iny, ²⁷ sady handraraky im-pito amy ty ratsan-tanany an-kavana amy solo-bonio iny ze amy ty tanany an-kavia eo anila Yaveh eo ie. ²⁸ Ke hanisy amy solo-bonio iny ze amy ty tanany ty anabo sofya an-kavana holiovy iny eo mpisoro iny, ty kikin-tanany an-kavana, noho ty tondro-beny an-kavana, amy faritsy nasiany ty lio ty fanomeza noho ty heloky iny eo avao. ²⁹ Hasiyany ty amby ty solo-bonio ze amy ty fanany iny eo ty loha holiovy iny, mba hananova fanavota ho azy anila Yaveh eo. ³⁰ Tsy maintsy manome raiky bamy bdomoina rey na anaky pizon rey, manahaky ze takany ie— ³¹ raiky ho ahy ty fanomeza noho ty ota sady raiky hafa ho fanomeza oroa, miarakaky amy ty fanomeza voa. Bakeo le hanao fanavota ho ahy ty holiovy anila eo mpisoro iny. ³² Zay ro lalà ho ahy ty olo ze misy arety-nofotsy mifalo, ze tsy mahatakatsy ty fanomeza mahazatsy ho ahy ty fanaliova azy. ³³ Nivola tamy Mosesy noho tamy Arona Yaveh, nanao hozao: ³⁴ "Laha avy amy ty tany Kanana ze nameako ho hanananareo nareo, sady laha manisany maty foty ze miparitaky amy ty tsano ao amy ty tany ze fanananareo ao Zaho, ³⁵ le tsy maintsy avy sady mampivola ty mpisoro

ze tompo ty tsano. Enganie ie hanao hozao: "Hoy raha misy manahaky ty maty foty antsanoko ao."³⁶ Bakeo le hibeke androzy ty mpisoro mba handravàn-drozy tsano aloha ty hiliarany ao hanenty ty fisia maty foty iny, mba tsy hisy ndra ino ndra ino ho voaloto amy tsano iny ao. Afara zay le tsy maintsy hilitry ao mba hanenty tsano iny ty mpisoro.³⁷ Tsy maintsy manenty maty foty iny ie laha amy ty rindry ty tsano zaym sady hanenty laha manompo maintso na manompo mena ty filentiky amy ty rindry ty tsano eo.³⁸ Laha misy maty foty tsano iny, le hiboaky mpisoro iny ka le nanily ty varavara tsano anay ty fito andro iny.³⁹ Sady himpoly ndraiky mpisoro iny amy ty andro fahafito ka le hanenty zay mba hahay laha niparitaky amy ty rindry ty tsano maty foty iny.⁴⁰ Laha zay, le hibeke ty amy ty hangalan-drozy ty vato ze nahita maty foty iny mpisoro iny ka le hanoraky amy ty toera maloto iny ambaliky ty tanà any.⁴¹ Hanoviny ho mihisa ty rindry iaby amy tsano iny, sady tsy maintsy harian-drozy ambaliky ty tanà any bony ze mampindra rey sady hariany amy ty toera maloto any zay.⁴² Tsy maintsy mangalaky vato ndrozy sady mampipetsaky amy ty toera vato ze nalany rey, sady tsy maintsy mampiasa tanimanga vaovao ndrozy mba handalora ty tsano.⁴³ Laha mimpoly ndraiky maty foty iny ka le manoritsoritsy amy ty tsano ze vo baka nisy vato nala noho rindry vo baka nikihsa sady baka nampoly nilalora ao,⁴⁴ le tsy maintsy militsy ao ty mpisoro ka le manenty tsano iny mba hanenty laha niparitaky amy ty tsano ao maty foty iny. Laha zay, le maty foty mampilitsy-loza, sady tsano iny ro maloto.⁴⁵ Tsy maintsy aropaky tsano iny. Vato rey, hazo, sady lalotsy iaby amy tsano iny ao le tsy maintsy andesy haria amy ty toera maloto any ambaliky ty tanà any.⁴⁶ Ze hafa, ndra ia ndra ia militsy amy tsano iny ao anay ty fotoa hihiliany le haloto zisiky hariva ty andro.⁴⁷ Ze niroro tamy tsano iny ao ro tsy maintsy manasa fisikinany rey, sady ze nihina tamy tsano iny ao le tsy maintsy manasa fisikinany rey.⁴⁸ Laha militsy amy tsano iny ao mpisoro iny ka le manenty zay mba hahaiza laha fa niparita mameno tsano azy maty foty iny tafara ty nandalora tsano iny, sady, laha niala maty foty iny, le hanambara ie fa malio ty tsano.⁴⁹ Bakeo le hangalaky voro roe, noho hazo sedera, noho foly jaky sady hysopa mba fanaliova tsano iny mpisoro iny.⁵⁰ Ho vonoany amy ty rano nala tamy ty rano mandeha eo anay sihoa tanimanga ao ty raiky amy voro rey.⁵¹ Hangalaky hazo sedera iny, hysopa iny, foly jaky iny, sady voronay iny, anay rano laliky ao amy ty rano mandeha, sady handraraky zay im-pito amy tsano iny ao.⁵² Hanasa tsano iny amy ty lio voro iny noho rano nala tamy ty rano mandeha iny eny ie, miaraky amy voro velo iny, hazo sedera iny, hysopa iny, sady foly jaky iny,⁵³ Fe hanenga voro velo iny hiboaky ty tanà ho amy ty baiho malalaky any ie. Amy fomba zay ro tsy maintsy hananovany fanavota ho ahy tsano iny, ka le halio zay.⁵⁴ Zay ro lalà ho ahy karazan'arety-nofotsy mifalo iaby noho raha ze miteraky arety manahaky zay rey, noho ho ahy ty hidihiy,⁵⁵ ty amy ty maty foty amy ty fisikina noho amy ty tsano,⁵⁶ ty amy ty mamoy, ty amy ty manampy-fery, sady ty amy ty mineritsy foty mipiriaky,⁵⁷ mba ahaiza laha misy amy raha rey ro maloto na malio. Zay ro lalà ho ahy ty arety-nofotsy mifalo noho ty maty foty."

Chapter 15

¹Niresaky tamy Mosesy noho Arona i Yaveh, nanao hozo: ² "Miresaha amy ty olo lakon'Israely sady volano androzy hoe: 'Laha misy lahilahy mampiboaky tsiranoky misy arety baka amy ty avata y, le nanjary maloto ie. ³Ty fahalotoa ro vokatsy tsiranoky misy arety zay. Na miboaky ty tsiranoky aminy na tsy mitsika, le maloto zay. ⁴Ty fandrea iaby hiroroany le haloto, sady ty raha iaby ze hipetrahany le haloto. ⁵Ndra ia ndra ia mikasiky ty fandreamy le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano, sady haloto zisiky maha hariva ty andro. ⁶Ze iaby mipetsaky amy ty raha ze nipetsaha lahilahy iny miboaky tsiranoky misy arety, olo zay ro manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano, sady haloto zisiky maha hariva ty andro ie. ⁷Ze iaby mikasiky ty vata ty miboaky tsiranoky misy arety le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano, sady haloto zisiky maha hariva ty andro. ⁸Laha mandora amy ty olo ze malio olo iny ze miboaky tsiranoky manahaky zay, le tsy maintsy manasa ty sikiny olo zay sady mandoro amy ty rano, sady haloto zisiky maha hariva ty andro ie. ⁹Ty lasely iaby ze iondrana miboaky iny le haloto. ¹⁰Ndra ia ndra ia mikasiky ty raha ze tambany olo zay ao le haloto zisiky maha hariva ty andro, sady ze iaby manday raha rey le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano; haloto zisiky maha hariva ty andro ie. ¹¹ Ndra ia ndra ia mikasiky ty tsiranoky manahaky zay fe tsy nanasa ty tanany aloha anay rano ao, le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano olo voakasiky iny, sady haloto zisiky maha hariva ty andro ie. ¹²Ty valany tany iaby ze nikasihiny iny mampiboaky tsiranoky manahaky say le tsy maintsy vaký, sady ty vata hazo iaby le tsy maintsy sasa amy ty rano. ¹³Lafa afaky amy ty arety ie ze miboaky, le tsy maintsy manisaky fito andro amy ty fanasa azy ie; bakeo hanasa ty sikiny ie sady hampianandro ty vatany amy ty rano mandeha. Le halio ie. ¹⁴Amy ty andro fahavalo le tsy maintsy mangalaky pizon roe na anaky pizon roe ie sady Mamonjea anila Yaveh eo amy ty filira amy ty lay fitojeha ao; eo ie ro hanome voro ho ahy ty mpisoro rey. ¹⁵Tsy maintsy manome mpisoro iny rey, ty raiky ho fanomeza noho ty fahota sady ty raiky ho fanomeza oroa, sady tsy maintsy manao fanavota ho azy anila Yaveh eo noho ty fitsihany ie. ¹⁶Laha misy lahilahy miboaky tsiranoky, le tsy maintsy manasa ty vatany iaby amy ty rano ie; haloto zisiky hariva ty andro ie. ¹⁷Ty fisikina noho nofotsy iaby ze misy tsironay ro tsy maintsy sasa amy ty rano; haloto zisiky maha hariva ty andro zay. ¹⁸ Laha miaraky miroro ty lahilahy noho ty ampela sady misy mandefasa tsironay amin'ampela, le tsy maintsy miandro amy ty rano rozy roe; haloto zisiky maha hariva ty andro ndrozy. ¹⁹Laha fadimbola ty ampela raiky, le hitohy zisiky ty fito andro ty fahalotoany, sady ndra ia ndra ia mikasiky azy le haloto zisiky maha hariva ty andro. ²⁰Ty raha iaby ze hiroroany anay ty fotoany le haloto; ty raha iaby ze hipetrahany le haloto avao koa. ²¹Ndra ia ndra ia mikasiky ty firoroany le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano; olo zay le haloto zisiky maha hariva ty andro. ²² Ndra ia ndra ia mikasiky ty raha iaby ze hipetrahany le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano; olo zay le haloto zisiky maha hariva ty andro. ²³Na amy ty fandrea zay na amy ty raha ze hipetrahany, laha mikasiky zay ie, le haloto zisiky maha hariva ty andro olo zay. ²⁴Laha miaraky miroro aminy ty lahilahy, sady laha mikasiky an-dralehilahy ty tsiranoky maloto baka aminy, le haloto anay ty fito andro ie. Ty fandrea iaby ze hiroroany ro haloto. ²⁵Laha misy ampela mampiboaky lio anay ty andro lako ze tsy amy ty fotoany ty fadimbolany, na laha mampiboaky tsiranoky ambaliky ty fotoa ty fadimbolany ie, le hanahaky ty hoe amy ty andro ty fadimbolany ie, anay ty andro iaby hitsiha ty fahalotoany. Maloto ie. ²⁶Ty fandrea iaby hiroroany anay ty fandehana ty liony le ho hanahaky ty fandrea ze hiroroany anay ty fadimbolany avao aminy, sady ty raha iaby ze hipetrahany le haloto, manahaky ty fahalotoa ty fadimbolany. ²⁷Ndra ia ndra ia mikasiky raha rey le haloto; tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano ie, sady haloto zisiky maha hariva ty andro ie. ²⁸laha malio amy ty fitsiha ty liony ie, le hanisa fito andro ho azy, sady afara ze le halio ie. ²⁹Amy ty andro fahavalo le hangalaky pizon roe na anaky pizon roe ie ho azy ie sady handay rey amy ty mpisoro any amy ty filira amy ty lay fitojeha eo ao. ³⁰ Mpisoro iny ro hanome voro raiky ho fanomeza noho ty ota sady ty raiky hafa ho fanomeza oroa, sady hanao fanavota ho azy anila Yaveh eo ie noho ty fitsiha ty lio malotony. ³¹Zay ro fomba tokony hanasarahanao ty olo lakon'Israely amy ty fahalotoan-drozy, ka le tsy ho maty noho ty fahalotoany ndrozy, amy ty fandotoa ty tabernakely, ze hipetsahako amin-drozy eo. ³²Rey ro lily noho fitsipiky ho ahy ty iaby ze mampiboaky tsiranoky, ho ahy ty lahilahy iaby ze mampiboaky ty tsironay noho mandoto ty vatany, ³³ ho ahy ty ampela ze anay ty fadimbola ao, ho ahy ty iaby ze mampiboaky tsiranoky, na lahilahy na ampela, sady ho ahy ty lahilahy iaby ze miaraky miroro amy ty ampela maloto."

Chapter 16

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh--- zay le tafara ty nahafatesa ty anaky Arona roe lahy, lafa nandeha nanariny an'Yaveh ndrozy sady maty bakeo. ²Hoasa Yaveh tamy Mosesy hozao: "Miresaha amy Arona rahalahinao sady volano ie mba tsy ho avy amy ty fotoa iaby amy ty fipetsaha masy bibiky anay ty efitsy siky any, aloha ty sarom-panavota eo ze amy ty fiandrahana eo. Laha manao zay ie, le ho maty, safe miseho amy ty lanitsy amy sarom-panavota eo Zaho.³Ka le zao ro fomba tokony iavia i Arona amy toera masy bibiky iny ao. Engao ie hilitry miaraky amy ty vantots'aombilahy ho fanomeza noho ty ota, sady aondrilahy ho fanomeza oroa. ⁴Tsy maintsy manao ty siky lava masy vita amy ty siky rongony foty ie, sady tsy maintsy manao atin'akanjo vita amy ty rongony foty sady tsy maintsy manao santira rongony foty noho hamama rongony foty. Rey ro fisikina masy. Tsy maintsy mamlianr, o ty vatany amy ty rano ie sady bakeo nisiky akanjo rey. ⁵Tsy maintsy mangalaky aosilahy roe baka amy goropy ty olo lakon'Israely rey ie ho fanomeza noho ty ota sady aondrilahy raiky ho fanomeza oroa.⁶Bakeo engaho Arona hanome vantots'aombilahy ho fanomeza noho ty ota, ze ho ahy ty vatany, mba hananova fanavota ho ahy ty vatany noho ty longony. ⁷Bakeo le hangalaky aosilahy roe ie sady hampipetsaky rey aloha Yaveh eo amy ty filira eo amy g lay fitojeha ao on.⁸Bakeo Arona tsy maintsy miloka aosy roe rey, loka raiky ho ahy ty azazela. ⁹Tsy maintsy manome aosy iny amy nilavoa ty loka iny ho ahy Yaveh i Arona bakeo, sady manome aosy zay ho fanomeza noho ty ota. ¹⁰Fa aosy ze nilavoa ty loka iny ho ahy azazela le tsy maintsy andesy velo anila Yaveh eo, mba hananova fanavota amy ty mandefasa azy manahaky ty azazela mana an'efitsy any.¹¹Bakeo Arona le tsy maintsy manome vatots'onaombilahy iny ho ahy ty fanomeza noho ty ota, ze ho ahy ty vatany. Tsy maintsy manao fanavota ho ahy ty vatany noho ahy ty longony ie, ka le tsy maintsy mamono vantots'aombilahy iny ho fanomeza noho ty ota ho ahy ty vatany ie.¹²Tsy maintsy mangalaky fandaiza afo atsiky bongon'afao bakeo amy ty alitara eo anila Yaveh eo Arona, miaraky amy ty lintan-kazo manitsy maliniky mameno tana, sady manday raha rey anay ty efitsy siky ao. ¹³Ao ie ro tsy maintsy mampipetsaky lintan-kazo iny ho anay afo anila Yaveh eo mba handrakotsy azy rakotsy fananovam-panavota iny anabo lilim-panenkea rey eo lanitsy baka amy lintan-kazo iny. Tsy maintsy manao zay ie mba tsy ho maty.¹⁴Bakeo le tsy maintsy mangalaky amy ty lio vantots'aombilahy iny ie ka le handraraky zay amy ty tanany aloha rakotsy fananovam-panavota iny eo. Tsy maintsy mandraraky ty ilany amy lio iny amy ty ratsan-tanany im-pito anila rakotsy fananovam-panavota iny eo ie.¹⁵Le hamono aosilahy iny ho fanomeza noho ty ota ze ho ahy ty olo lako sady handay ty liony ho anay ty efitsy siky ao ie. Tsy maintsy manao manahaky ty fa nanovi ny tany lio iny ro anoviny amy ty lio vantots'aombilahy iny: tsy maintsy mandraraky zay amy ty rakotsy fananovam-panavota iny eo ie sady bakeo aloha ty rakotsy fananovam-panavota. ¹⁶Tsy maintsy manao fanavota ho ahy toera masy ie noho asa maloto ty olo lakon'Israely rey, noho ty fiharoandrozy noho ty fahotany iaby. Tsy maintsy manao zay ho ahy ty lay fitojeha avao koa ie, ze nipetsaha Yaveh aminandrozy eo, amy ty famonjea asa maloton-drozy rey.¹⁷Tsy misy tokony ho amy ty fitojeha iny ao lafa militry amy zay ao mba hanao fanavota amy toera masy bibiky iny ao Arona, sady zisiky niboahany noho zisiky ahavitany ty fanavota ho ahy ty vatany noho ahy ty longony, sady ho ahy goropin'Israely iaby.¹⁸Tsy maintsy miboaky amy ty alitara eo ze anila Yaveh eo ie sady manao fanavota ho ahy zay, sady tsy maintsy mangalaky amy ty lio vantots'aomby lahy iny noho ty amy ty lion'aosy lahy iny ie sady mampipetsaky zay miodidy ty tsifa ty alitara iaby. ¹⁹Tsy maintsy mandraraky ty antsasany amy lio iny amy zay amy ty tanany eo im-pito ie mba hanaliova zay noho hanokana zay ho ahy Yaveh, lavitsy asa maloto rey ty olo lakon'Israely.²⁰Lafa vitany ty fanavota ty toera masy bibiky, ty lay fitojeha, noho ty alitara, le tsy maintsy manome aosy lahy velo iny ie. ²¹Tsy maintsy mampipetsaky ty tanany an-doha aosy lahy velo iny eo ie sady miaiky Haratia iaby ty olo lakon'Israely, ty fiharoany iaby, noho ty fahotany 8aby aminy eo. Bakeo ie le tsy maintsy mampipetsaky ota zay an-doha aosy iny lahy velo iny eo sady mandefa aosy lahy iny handesy ty lahilahy ze vonona hitariaky aosy iny ho an'efitsy any. ²²Tsy maintsy andesy aosy lahy iny mana an'efitsy any ty faharatia ty olo lako iaby. An'efitsy any, le tsy maintsy hanenga aosy iny lahilahy iny.²³Bakeo le tsy maintsy mimpoly amy ty lay fitojeha any Arona sady hangalaky akanjo rongony foty ze nanovany taloha ty nandehana rey ho amy toera masy bibiky iny ao, sady tsy maintsy manenga akanjo rey ao ie. ²⁴Tsy maintsy mampiandro ty vatany amy ty rano amy ty toera masy any ie, sady manao akanjo tsotsa; bakeo le tsy maintsy miboaky ie sady manome ty fanomezany oroa noho ty fanomeza oroa ho ahy ty olo lako, sady amy fomba zay le hanao fanavota ho ahy ty vatany noho ahy ty olo lako.²⁵Tsy maintsy mandoro ty sabora amy fanomeza noho ty ota iny amy ty alitara eo ie. ²⁶Ze nandefa azazela iny ro tsy maintsy manasay sikiny noho miandro amy ty rano; afara zay, le himpoly amy ty toby any ie.²⁷Ty vantots'aomby lahy iny ho ahy ty fanomeza noho ty ota noho aosy lahy iny ho ahy ty fanomeza noho ty ota, zenandesy nananova fanavota tany ty toera masy any ty liony, le tsy maintsy andesy ambaliky ty toby any. Any drozy ro tsy maintsy mandoro ty holitsiny,, ty nofotsiny, sady ty tain-drorohany. ²⁸Ty lahilahy ze mandoro faritsy rey iny le tsy maintsy

manasa ty sikiny noho mampindro ty vatany amy ty rano; afara zay, le himpoly amy ty toby any ie.²⁹ Ho lalà mandrakizay ho anareo amy ty volana faha-fito, amy ty andro fahafolo ty vola zay, engaho nareo, na ty tompon-tany na ty vahiny ze miay aminareo eo hanetsi-tena noho tsy hiasa.³⁰ Zay le safe amy andro zay ty fanavota ro ho ota ho anareo, mba hanaliova anareo amy ty fahotanareo iaby mba halio anila Yaveh eo nareo.³¹ Ho Sabata fijanona mihetsiketsiky ho nareo zay, sady tsy maintsy manetsi-tena noho tsy miasa nareo. Ho lalà mandrakizay aminareo eo zay.³² Ty mpisoro bevata, ze hosorona noho tondroa ho mpisoro bevata amy ty toera ty babany eo, le tsy maintsy manao fanavota zay noho manao akanjo rongony foty rey, zay ro, akanjo masy iny.³³ Tsy maintsy manao fanavota ho ahy ty toera masy bibiky iny ie; tsy maintsy manao fanavota ho ahy ty lay fitojeha noho ahy ty alitara ie, sady tsy maintsy manao fanavota ho ahy mpisoro rey noho ty olo lako iaby amy ty goropy ao ie.³⁴ Ho lalà ho anareo mandrakizay zay, mba hananova fanavota ho ahy ty olo lakon'Israely noho ty otany iaby ndraiky avao isan-tao." Vita ,manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Mosesy zay.

Chapter 17

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozo: ²"Miresaha amy Arona noho anakilahiny rey, noho amy ty olo lakon'Israely iaby. Volano ndrozy ze nibekoa Yaveh: ³Ty lahilahy ta Israely ao ze mamono aomby, anaka'aondry, na aosy amy ty toby eo na mamono zay ambaliky ty toby, mba hanao soro zay--- ⁴ka le laha tsy manday zay amy ty filira amy ty trano-lay fitojeha eo mba hanesy zay ho soro ho ahy Yaveh aloha ty tabernakely eo ie, le ho meloky amy ty fandatsahan-dio lahilahy zay. Nandatsan-dio ie, sady tsy maintsy ala amy ty olo lakony eo lahilahy zay.⁵Ty antony lily zay le ty mba handaisa ty olo lakon'Israely ty soron-drozy amy Yaveh rey amy ty filira eo amy ty trano-lay fitojeha ao, mba hamea ty mpisoro ho fanomezam-pilongoa amy Yaveh, fa tsy hanesy soro amy ty baibo malalaky ao. ⁶Handraraky ty lio amy ty alitara Yaveh eo amy ty filira amy ty trano-lay fitojeha ao ty mpisoro; handoro ty sabora ho ahy zay ie mba hanome hanitsy soaso ho ahy Yaveh.⁷Enganie tsy hanesy ty soron-drozy amy ty sampy aosy sasy ty olo lako, fa tamy zay ro nananovan-drozy heriloha. Ho lalà ela amin-drozy eo zisiky amy ty tariha farany zay.⁸Enganie iha hivola amin-drozy hozo: 'Ndra ia ndra ia lahilahy amin'Israely eo, na vahiny ze mipetsaky amin-drozy eo, manesy fanomeza oroa na soro ⁹ka le tsy manday zay amy ty filira eo amy ty trano-lay fitojeha ao mba hanao soro zay ho ahy Yaveh, le engaho hala amy ty olo lakony eo lahilahy zay.¹⁰Laha misy olo amy ty longon'Israely, na misy vahiny ze mipetsaky amin-drozy mihina lio eo, le hanohatsy ty tarehiko hanohitsy olo zay Zaho sady hanambotsy olo zay amy ty olo lakony eo Zaho. ¹¹Fa amy ty liony ao ay ty biby. Nameako anao ty lio zay mba hampisy fanavota amy ty alitara eo ho ahy ainareo, safe ty lio ro mampisy fanavota, fa ty lio ro manonitsy ty ainy.¹²Noho zay le nivola tamy ty olo lakon'Israely Zaho mba tsy hisy hihina lio aminareo eo, na misy hihina lio ze vahiny monina aminareo eo. ¹³Ndra ia ndra ia amy ty olo lakon'Israely, na ze vahiny mipetsaky amin-drozy eo, ze manenty noho mamono biby na voro ze azo hany, le handraraky ty lio zay sady handevy lio iny.¹⁴Fa amy ty liony ty ay ty zava-boaary iaby. Zay ro nivolanako tamy ty olo lakon'Israely hozo: "Enganie nareo tsy hihina ty lio ty zava-boaary, safe amy ty liony ao ty ay ty raha-mananay iaby. Ndra ia ndra ia mihina zay le engaho ho tiahy."¹⁵Ty olo kirai-draiky ze mihinabiby fa maty na voasintosinto ty biby-li, na tera-tany na vahiny olo mipetsaky aminareo eo iny, le engaho ie hanasa ty akanjony sady hampiangandro ty vatany amy ty rano, sady haloto ie zisiky maha hariva ty andro. Le halio ie bakeo. ¹⁶Fa laha tsy manasa ty akanjony na mampiangandro ty vatany ie, le engaho ie hiaritsy ty helokiny."

Chapter 18

¹iresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²"Miresaha amy ty olo lakon'Israely iha sady volano ndrozy hoe: 'Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ³Mba ka manao ty raha ze anovy ty olo lako rey Egypta any, ze nipetsahanareo taloha teo. Mba ka manao ze raha anovy ty olo lako Kanana ao, tany ze handaisako anareo iny. Mba ka manaraky ty fomban-drozy.⁴Ty lalàko ro engaho hanovinareo, sady liliko rey ro enganie ho embenanareo, mba handehananareo amin-drozy rey eo, safe Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ⁵Laha zay le tandrema lily rey amandalàko. Laha misy olo mankatò reny, le ho velo noho ie reny ie. Zaho ro Yaveh. ⁶Engaho tsy hisy olo hiaraky miroro amy olo mifandramby mariny aminy zay. Zaho ro Yaveh. ⁷ Mba ka mangala baraka ty babanareo amy ty firoroa miaraky amy ty reninareo. Reninareo ie! Aza mangala baraka azy. ⁸Mba ka miaraky miroro amy valy babanareo rey; engaho nareo tsy hangala baraka ty babanareo manahaky zay.⁹Mba ka miaraky miroro amy ze anabavinareo, na anak'ampelanareo ie na anak'ampela ty reninareo, na le tineza tamy ty tsanonareo ao na lavitsy anareo aza ie. Mba ka miaraky miroro amy ty anabavinareo. ¹⁰Mba ka miaraky miroro amy ty anak'ampela ty anakilahinareo na amy ty anakilahy ty anak'ampelanareo. Fa henatsy ho anareo avao zay. ¹¹ Mba ka miaraky miroro amy ty anaky valy babanareo, ze nateraky ty babanareo. Anabavinareo ie, sady enganie nareo tsy hiaraky miroro aminy.¹²Mba ka miaraky miroro amy ty anabavy babanareo. Longo mariny ty babanareo ie. ¹³Mba ka miaraky miroro amy ty rahavavin-dreninareo. Longo mariny ty reninareo ie. ¹⁴Mba ka mangala baraka ty rahalahiny babanao amy ty fiaraha miroro amy ty valiny. Mba ka manariny azy amy tanjony zay; nenitoanareo ie. ¹⁵Mba ka miaraky miroro amy ty vinanton-ampelanareo. Valy ty anakinareo ie; mba ka miaraky miroro aminy. ¹⁶Mba ka miaraky miroro amy ty valy ty rahalahinareo; mba ka mangala baraka azy amy fomba zay. ¹⁷Mba ka miaraky miroro amy ty ampela raiky noho ty anany, na amy ty anak'ampela ty anakilahy na amy ty anak'ampela ty anak'ampelany. Longo mariny azy ndrozy, sady faharatia ty fiaraha-miroro amin-drozy. ¹⁸Ao nareo tsy hanambaly ty rahavavy ty valinareo ho valy faharoe sady hiaraky miroro aminy laha mbo velo ty valinareo velohany.¹⁹MBA ka miaraky miroro amy ty ampela anay ty tapa-bola. Maloto ie anay ty fotoa zay. ²⁰Mba ka miaraky miroro amy ty valy ty miharo efitsy tsano aminareo ka le handoto ty vatanareo miaraky aminy amy fomba zay. ²¹Ao nareo tsy hanome ananareo rey ho hanovy amy afo eo, fa manao soro androzy ho ahy Moloka nareo amy zay, safe tsy mahazo mandratiraty ty anaran-Janaharinareo nareo. Zaho ro Yaveh. ²²Mba ka miaraky miroro amy ty lahilahy hafa manahaky ty miaraky amy ty ampela. Raty zay. ²³ Mba ka miaraky miroro amy ty biby noho mandoto ty vatanareo miaraky amy zay. Enganie tsy hisy ampela hidiniky fiara-miroro amy ty biby. Fahativativa zay.²⁴Mba ka mandoto ty vatanareo amy fomba rey, fa tamy fomba iaby rey ro nampaloto ty firenea rey, firenea ze ho roahiko anilanareo eo rey. ²⁵Voaloto ty tany, ka le nisaziako ty fahotan-drozy, sady nandoa ty mpipetsaky rey ty tany.²⁶Laha zay, nareo, le enganie hiemby ty liliko noho ty fitsipiko, sady enganie nareo tsy hanao raha-mandanginy rey, na ty tera-tany Israelita zay na vahiny ze mipetsaky aminareo eo. ²⁷ Fa zay ro Haratia fa nanovy ty olo mipetsaky amy tybtany, rozy ze mipetsaky alohanareo teto, sady voaloto ty tany amy zao. ²⁸Laha zay le ,iembena mba tsy haloa ty tany avao koa nareo afara ty nandotoanareo azy, manahaky ty nandaiany ty olo lako ze talohanareo teo.²⁹Ndra ia ndra ia manao raha mandaginy rey, olo ze manao raha manahaky rey zay le halà tsy ho amy ty olo lakon-drozy eo. ³⁰Laha zay le embeno ty liliko mba tsy hanao fomba mandaginy ze nanovy talohanareo eo rey, ka le tsy handotoanareo ty vatanareo amy rey. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. '"

Chapter 19

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²"Miresaha amy ty fiangona ty olo lakon'Israely iaby iha sady volano androzy hoe: 'Masý nareo, fa Zaho Yaveh Njanaharinareo le masy. ³Enganie ty kirai-draiky hanaja ty reniny noho ty babany, sady embeno ty Sabatako, Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ⁴Mba ka miodiky mana amy ty sampinareo any raha-tsy misy, na manao njanahary vy ho anareo. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ⁵Laha manesy soro ty fanomezam-pilongoa amy Yaveh nareo, engaho nareo hanesy zay mba ho ekena. ⁶Enganie ho hany amy ty andro haneseanareo azy zay, na amy ty hamarainy iny. ⁷Laha misy raha tsy lany zisiky hiavia ty andro fahatelo, le enganie horoa zay. Maloto zay laha mbo hany amy ty andro fahatelo. Enagbie tsy ho ekena zay, ⁸fa ty kirai-draiky ze mihina zay le handay ty helokiny safe fa nangala niaraky ze raha-masy Yaveh ie. Engaho halà amy ty olo lakony eo olo zay. ⁹Laha mijinja ty vokatsy ty taninareo nareo, le ao nareo tsyhijinja tanteraky ty zoro ty baibonareo, na koa hamory vokatsinareo iaby. ¹⁰Ao nareo tsy hamory ty voloboky iaby amy ty tany volobokinareo, na hamory ty voloboky ze milatsaky amy ty tany eo amy ty tany volobokinareo. Enganie hengànareo ie rey ho ahy ty mijaly noho ty vahiny. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ¹¹Mba ka mangalatsy. Mba ka mifamitaky. ¹²Mba ka maminany vandy amy ty Anarako na mandratiraty ty Anara ty Njanaharinareo. Zaho ro Yaveh. ¹³Mba ka mampijaly ty miaraky-mipetsaky aminareo na mandrava azy. Ao tsy hijano miaraky aminareo amy ty haly iaby ka le zisiky maray ty karama ty mpikarama. ¹⁴Mba ka manozo ty mareny na mampipetsaky saka mampeloky aloha ty jiky eo. Fa koa, enganie nareo hatahotsy ty Njanaharinareo. Zaho ro Yaveh. ¹⁵Mba ka disoa ty fitsara. Mba ka manenty tarehin'olo safe mijaly ie, sady mba ka manenty tarehin'olo safe olo anabo ie. Fa koa, tsarao manahaky ty fahamarina ty mpiaraky-mipetsaky aminareo. ¹⁶Mba ka miriorio nanaparitaky fosafosa amy ty olo lakonareo eo, fa anovo ze hiarova ty ay ty mpiaraky-mipetsaky aminareo. Zaho ro Yaveh. ¹⁷Mba ka malay ty rahalahinareo amy ty fonareo. Engaho nareo hivola maré am-po ty mpiaraky-mipetsaky aminareo mba tsy hifampizaranareo ota noho ty aminy. ¹⁸Mba ka mamaly faty na mitanjaky lolom-po amy olo lakonareo rey fa koa tiavo ty namanareo manahaky ty vatanareo. Zaho ro Yaveh. ¹⁹Embeno liliko rey. Mba ka manohatsy mpanoriky ty bibinareo amy ty karazam-biby hafa. Mba ka mampiharo karazan'alika samby hafa aha mamboly amy ty tanimboly. Mba ka manday siky nanovy tamy ty akora roe karaza ze nampifangaro. ²⁰Ndra ia ndra ia miaraky miroro amy ty andevo ampela ze azo nofy ho valy, nefa tsy nivilim-panavota na namea ty fahafaha, le enganie ndrozy hosazia. Enganie tsy ho vonoa ndrozy safe tsy olo afaky ie. ²¹Engaho handay ty fanomeza noho ty heloky ho ahy Yaveh amy ty filira ty tsano lay fitojeha eo ty lahilahy raiky_aondrilahy daily ho fanomeza noho ty heloky. ²²Le hanao fanavota ho azy ty mpisoro miaraky amy aondrilahy iny ho fanomeza noho ty ota ze nanoviny. Sady le ho voavela ty fahota vitany. ²³Laha avy amy ty tany eo nareo sady namboly karazan-kazo fihinana ty alika, le enganie nareo hanenga ty voa ze vokaron-drozy mba fa nirara tsy ho hany. Enganie ho rarà ty voa ho anareo anay ty telo tao. Enganie tsy ho haninareo zay. ²⁴Fa amy ty tao fahaefatsy le ho masy iaby ty voa iaby, ho fanomezam-pihirà ho ahy Yaveh. ²⁵Amy ty tao fahalimy le afaky hihina ty voa nareo, safe nandiny anareo mba hafaha hazo mamokatsy rey lako maré. Zaho ro Yaveh. ²⁶Mba ka mihina hena laha mbo misy lio zay. Mba ka manontany ty fanahy momba ty ho avy, sady mba ka mikiry ty hifehy ty hafa amy ty hery mandilatsy ty natoraly. ²⁷Mba ka manoriky ty mahazatsy ty mpiasa sampy manahaky ty fanarata ty sisiny ty lohanareo na manombotsy ty sisiny baka amy ty volom-bavanareo. ²⁸Mba ka mibeko ty vatanareo ho ahy ty maty na manisiny famantara tampò amy ty vatanareo. Zaho ro Yaveh. ²⁹Mba ka mangala baraka ty anak'ampelanareo any ty fananova azy ho mpaheriloha, fa ho tonta amy ty heriloha ty firenea sady ho atsiky haratia ty tany. ³⁰Enganie nareo hiemby ty Sabatako sady hanome voninahitsy ty fipetsaha masy ty tabernakeliko. Zaho ro Yaveh. ³¹Mba ka miodiky ho ahy amy ze miresaky amy ty maty rey na amy ty fanahy. Mba ka mila androzy, fa laha tsy zay handoto anareo ndrozy. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ³²Enganie nareo hitsanga aloha ty olo foty volo sady hanome voninahitsy ty olo antitsy. Enganie nareo hatahotsy ty Njanaharinareo. Zaho ro Yaveh. ³³Laha misy vahiny mipetsaky aminareo ao amy ty taninareo ao, le enganie nareo tsy hanao raty azy. ³⁴Enganie hanahaky ty tera-tany Israelita mipetsaky miaraky aminareo, sady engaho ho teanareo manahaky ty vatanareo ie, safe fa mba vahiny avao nareo tamy ty tany Egypta any. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ³⁵Mba ka mampiasa fametara diso laha manametatsy halava, lanja, na halakoa. ³⁶Enganie nareo hampiasa mitovy marina, vato mitovy marina, efaha marina, sady hina marina. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo, ze nanday anareo niboaky ty tany Egypta. ³⁷Hankatoavy liliko iaby rey noho ty lalàko iaby, sady hanovy rey. Zaho ro Yaveh. ""

Chapter 20

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²"Volano amy ty anak'Israely hoe: 'Ze iaby amy ty anak'Israely eo, na vahiny ie mipetsaky any Israely ka le manome ty anany ho maty. Engaho hitoraky vato azy ty olo ty tany.

³Hampifandramany ty tarehiko amy olo zay avao koa Zaho sady hombotako amy olony rey eo ie safe fa nameany an'i Moloka ty anany, mba handotoa ty toerako masy noho handratiraty ty anarako masy. ⁴Laha mampi-pý ty masonry amy olo zay ty olo ty tany lafa manome ty anany amy Moloka, lana tsy mamono azy androzy, ⁵le Zaho mihintsy ro hampifanadrama ty tarehiko amy olo zay noho ty fokoany, le hombotako ie noho hafa iaby ze mamarotsy amy ty vatany mba hahehiloha miarakany amy Moloka. ⁶Ty olo ze mitoliky amy ze miresaky amy ty maty rey, na ze miresaky amy ty fanahy rey mba hamarotsy ty vatany amin-drozy, le hanohatsy ty tarehiko amy olo zay Zaho; hombotako amy ty olony eo ie. ⁷Laha zay anovo mahery ty vatanareo sady enganie ho masy, safe Zaho Yaveh Njanaharinareo iny. ⁸Enganie hiemby ty liliko nareo sady hanoriky rey. Fa Zaho ro Yaveh ze nanoka anareo ho masy. ⁹Engaho ho maty ze iaby manozo ty babany na ty reniny. Fa nanozo ty babany na reniny ie, ka le meloky sady maeva ho maty. ¹⁰Ty lahilahy ze manitsakitsa-baly amy ty vain'olo hafa, zay hoe, ze maheriloha amy ty longom-baliny--- engaho moaheriloha iny noho naheriloha iny samby ho maty vatany. ¹¹Ty lahilahy ze miarakany miroro amy ty valy babany mba hiroro aminy le fa nangala baraka ty babany. Engaho ho maty vatany ty anakilahy noho ty valy ty babany. Meloky ndrozy sady maeva ty ho maty. ¹²Laha misy lahilahy miarakany miroro amy ty vinanto ampelany, le engaho samby ho maty vatany ndrozy. Fa nanao fahativativa ndrozy. Meloky ndrozy sady maeva ty ho maty. ¹³Laha misy lahilahy miarakany miroro amy ty lahilahy hafa, manahaky ty miarakany amy ty ampela, le samby fa nanao raha mampangoritsy androzy. Enganie ho maty vatany ndrozy. Meloky ndrozy sady maeva ty ho maty. ¹⁴Laha misy lahilahy manambaly ampela sady manambaly ty reniny avao koa, le faharatia zay. Engaho horoa ndrozy, ie noho ampela iny, mba tsy hisy faharatia aminareo eo. ¹⁵Laha misy olo miarakany miroro amy ty biby, le enganie ho maty vatany ie, sady enganie nareo hamono biby iny. ¹⁶Laha misy ampela mamonjy biby mba hiaraky hiroro amy zay, le enganie hamono ampela iny noho biby iny nareo. Engaho ho maty vatany ndrozy. Meloky noho maeva ho maty ndrozy. ¹⁷Laha misy lahilahy miarakany miroro amy ty anabaviny, na koa amy ty anak'ampela ty babany na ty anak'ampela ty reniny---laha miarakany miroro aminy ie sady ie miarakany aminy, le raha mahamenatsy zay. Engaho homboka amy ty famonjea ty olony eo ndrozy, safe niarakany niroro tamy ty anabaviny. Le hibaby ty heloky ie. ¹⁸Laha misy lahilahy miarakany miroro amy ty ampela anay ty tapa-bola sady fa niarakany niroro taminy, le fa nampitolo ty lio nirotsaky taminy, ty niboaha ty liony ie. le enganie samby homboka tsy ho amy ty olony eo rozy roe. ¹⁹Enganie tsy hiaraky miroro amy ty rahavavin-dreninao, safe hangala baraka ty longonao hariny anao iha. Tsy maintsy hibaby ty heloky iha. ²⁰Laha misy lahilahy miarakany miroro amy ty kelirenininy, le mangala baraka ty renilahiny ie. Lafa maty ndrozy, le samby ho saziako, sady lafa maty ndrozy, le halako ty lova ty anakin-drozy ze mety ho azony baka amy ray aman-dreniny rey. ²¹Laha misy lahilahy manambaly ty valin-drahalahiny lana mbo velo ty rahalahiny, le fanalam-baraka, zay. Fa nangala baraka ty rahalahiny ie, sady halako amy ty anany ty hanana iaby mety fa nilovan-drozy baka amy ray aman-dreniny rey.

²²Ka le enganie nareo hiemby ty lily noho ty lalàko iaby; enganie hankatò zay nareo mba tsy hiala anareo ty tany ze handaisako anareo mba hipetsahanareo. ²³Ao tsy handeha amy ty fombà firenea ze horoasiko tsy alohanareo eo rey nareo, safe fa nanao raha zay iaby ndrozy, sady halako rey. ²⁴Hoasako aminareo hozao: "Handova ty tanin-drozy nareo; hanome zay ho fanana ho anareo Zaho, tany atsiky-ronono noho ty tantely. Zaho Yaveh Njanaharinareo iny, ze fa nanavaky anareo tamy olo-hafa rey. ²⁵Laha zay enganie nareo hanavaky ty biby malio noho ty maloto, ty voro-mitily maloto noho malio. Enganie nareo tsy handoto ty vatanareo amy biby maloto rey na voro-mitily rey na amy ty raha-mananay iaby ze milaly amy ty tany, ze fa navahako ho maloto taminareo.

²⁶Enganie ho masy nareo, fa Zaho, Yaveh, ro masy, sady fa nanavaky anareo tamy olo-hafa rey Zaho, safe Ahy nareo. ²⁷Enganie ho maty vatany tyvlalahy na ty ampela ze miresaky amy ty faty na miresaky amy fanahy rey. Enganie hitoraky-vato androzy ty olo. Meloky ndrozy sady maeva ty ho maty."

Chapter 21

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Miresaha amy mpisoro rey iha, anakilahy Arona rey, sady volano rozy hoe: 'Enganie tsy hisy ndra raiky aminareo ka le handoto ty vatany noho ty amy ze maty rey amy ty olony eo, ²afa-tsy longony mariny azy rey---ty reniny, ty babany, ty anakilahiny, ty anak'ampelany, ty rahalahiny, ³na ty anabaviny mbo kelikely ze miantehitsy aminy, ty fanana ty valiny---fa mety handoto ty vatany noho ty aminy ie.⁴Fe engaho tsy handoto ty vatany amy ty olon-kafa ie ka le handoto ty vatany.⁵Engaho mpisoro rey tsy hiharatsy ty lohany na hiharatsy ty sisiny ty volo-somotsiny rey, na hanapatapaky ty vatany.⁶ Enganie ho masy amy Njanahariny ndrozy sady tsy hanimbasimba ty anaran-Janahariny, safe ty mpisoro ro manome ty fanomeza hohany ho ahy Yaveh, ty mofo ty Njanaharin-drozy. Laha zay engaho masy mpisoro rey.⁷Engaho ndrozy tsy hanambaly ty ampela ze mpamarotsy vata noho maloto, sady engaho tsy hanambaly ampela nisara-baly ndrozy, safe ndrozy ro voatoka ho ahy ty Njanaharin-drozy.⁸Hatokanareo ie, safe ie manome mofo iny ho ahy Njanaharinareo. Enganie ho masy aminareo ie, safe Zaho, Yaveh ze manamasy anareo, le masy.⁹Ty anak'ampe ty mpisoro ze mandoto ty vatany amy ty fahasalama ho mpamarotsy vata mangalabaraka ty babany. Le engaho horoa ie.¹⁰Ze mpisoro bevata amy rahalahiny rey eo, ze fa nandrarahe solo-bonio fanosora tamy ty lohany eo, sady ze fa nihamasiny hisiky ty akanjo voatoka ho ahy ty mpisoro bevata, le engaho tsy hampivontavonta ty volony na hanataky ty akanjony.¹¹Enganie tsy handeha amy ze misy fatin'olo eny ie ka le handoto ty vatany, na ty babany na ty reniny aza.¹² Enganie ty mpisoro bevata tsy hiala ty faritsy ty fipetsaha masy ty tabernakely na hanimbasimba ty fipetsaha masy ty Njanahariny, safe fa nihamasiny ho mpisoro bevata tamy ty alala ty fanosora ty solo-bonio ty Njanahariny ie. Zaho ro Yaveh.¹³Engaho ty mpisoro bevata hanala-baly ty ajam-pela mbo kelikely.¹⁴Enganie ie tsy hanambaly mpanday vata, ampela nisara-baly, na ampela mamarotsy-vata zay ie. ajam-pela mbo kelikely baka amy ty olony avao ro azony valiny,¹⁵ Ka le tsy handotoany ty anany amy ty volo lakony eo, safe Zaho ro Yaveh, nanamasy azy iny."¹⁶Hoasa Yaveh tamy Mosesy, nanao hozao: ¹⁷"Miresaha amy Arona sady volano azy hoe: 'Ze iaby mana hanja ara-bata amy ty tarihanareo noho ty farany hisolo androzy, le engaho ie tsy hamonjy ka hanome hany ho ahy ty Njanahariny.¹⁸Ao tsy hamonjy Yaveh ty olo iaby ze mana handra ara-bata, manahaky ty olo jiky na olo tsy kombo, ze simba tarehy na sembana, ¹⁹ty olo ze mana-hanja ty tana na ty tomboky, ²⁰ty olo ze misy tsafo an-dambosiny ao na kaozatina na vory, na olo misy hanja ty masony, na misy arety, na areti-maso, lagaly, na ze vichy fa torotoro.²¹ Tsy misy olo amy ty tariha Arona mpisoro mana handra ara-bata eo ka le hanariny mba hanatanteraky ty fanomeza anovy amy ty afo ho ahy Yaveh. Ty olo mana handra ara-bata manahaky zay; le enganie ie tsy hanariny ka le hanome mofo ho ahy ty Njanahariny.²²Afaky mihina ty hany ty Njanahariny ie, na ty ilany amy masy bibiky rey na ilany amy masy rey.²³Ndra zay aza, so tsy hilitany anay ty siky fanakona na hanariny ty alitara ie, safe mana-hanja ara-bata ie, mba tsy mandoto ty toerako masy, safe zaho ro Yaveh, ze manamasy rey."²⁴Ka le niresahy Mosesy tamy Arona iaby safa rey, tamy anakilahiny rey, noho anak'Israely iaby rey.

Chapter 22

¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy, nanao hozao: ²"Miresaha amy Arona noho anakilahiny rey, volano ndrozy mba hiemby raha masy anak'Israely rey, Ao tsy hanimbasmiba ty Anarako masy androzy. Zaho ro Yaveh. ³Volano androzy hozao: 'Laha misy amy tarihanareo rey amy ty fara-ty hisolonareo manariny raha masy ze fa voatoka ty anak'Israely rey ho ahy Yaveh, fe maloto ie, le enganie hombota anilako eo olo zay: Zaho ro Yaveh. ⁴Tsy misy amy tariha Arona ze manao aretin-kolitsy mifalo rey, na arety mirotsaky amy ty liony tsy mety mijano baka amy ty vatany, ka le afaky hihina ty soro nanovy ho ahy Yaveh zisiky mampalio azy. Ze iaby mikasiky ty raha maloto na mifandramby amy ty maty, na amy ty fifandrambesa amy ty lahilahy ze mandeha tsironay tsy mety mijano, ⁵na iaby mikasiky ty biby mikisaky iaby ze mampaloto azy rey, na ty olo ze mampaloto azy, ndra karaza loto ino ndra ino zay— ⁶ka ty mpisoro ze mikasiky ty raha maloto iaby le haloto zisiky hariva ty andro. Enganie tsy hihina ty amy raha masy iaby ie, laha tsy fa nampiangro ty vatany tamy ty rano. ⁷Lafa milentiky ty masoandro le halio ie. Afara ty filenteha ty masoandro ie ro afakyhihina amy raha masy rey, safe hany rey. ⁸Enganie ie tsy hihina raha hitany maty rey na nivonoo ty biby-li, ze handotoany ty vatany. Zaho ro Yaveh. ⁹Engaho ty mpisoro hanoriky ty fampianarako rey, fa manjary ho meloky amy ty ita ndrozy ka ho maty amy ty fanimbasmiba Ahy. Zaho ro Yaveh ze nanamasy rey. ¹⁰Tsy misy olo ambaliky ty longo ty mpisoro, anisany zay ty vahiny ty mpisoro na mpiasany mpikarama rey, afaky hihina ty raha-masy iaby. ¹¹Fe laha mivily andevo amy ty jalany manoka ty mpisoro, andevo zay ro afaky hihina amy raha ze voatoka ho an'Yaveh rey. Ty fikambana ty longo ty mpisoro noho andevo teraky tan-tsanony ao rey, ndrozy avao koa ro afaky hihina raha miaraky aminy rey. ¹²Laha ty anak'ampela ty mpisoro ro manambaly olo ze tsy mpisoro, le tsy afaky ty hihina amy anjara fanomeza masy rey ie. ¹³Fa laha manday-vata ty anak'ampela ty mpisoro, na nisara-baly, sady laha tsy mana-anaky ie, ka le mimpolia mipetsaky amy ty tsano-babany manahaky ty tamy ty naha-aja azy, le afaky hihina ty hany-babany. Fa tsy misy olo ze tsy anay ty longo ty mpisoro ao afaky hihina amy ty hany ty mpisoro. ¹⁴Laha misy olo mihina tampoky ty hany masy, le enganie ie hanohitsy zay amy ty mpisoro; engaho ie hanampy raiky antsasaky ty limy zay sady hampimpoly zay amy ty mpisoro any. ¹⁵Enganie ty anak'Israely tsy hanivativa ty raha masy ze fa nasondrotsy anabo noho namea ho an'Yaveh, ¹⁶sady tsy hampanday ty vatan-drozy ty fahota ze manasazy androzy amy ty fihinana ty hany masy, fa Zaho ro Yaveh ze manamasy rey." ¹⁷Hoasa Yaveh tamy Mosesy, nanao hozao: ¹⁸"Miresaha amy Arona noho anakilahiny rey, sady amy anak'Israely iaby rey. Volano androzy hoe: 'Ty Israelita iaby, na vahiny mipetsaky ta Israely ao, lafa manome soro androzy__na hananteraky voady zay, na fanomeza antsitsa-po, na hamean-drozy amy Yaveh ty fanomeza oroa, ¹⁹laha ho ankasitraha zay, le engaho ndrozy hanome biby lahy haré tsy misy hanja, aondry, na aosy. ²⁰Fe ao nareo tsy hanome ze mana-hanja. Tsy hankasitsaha zay aminareo eo Zaho. ²¹Ze iaby manome fanomezam-pilongoa baka amy ty aomby na ty aondry ho an'Yaveh mba hanantanteraky voady, na fanomeza antsitsa-po, ro tsy tokony ho kolatsiky zay mba ho ankasitraha. Enganie tsy hisy biby mana hanja. ²²Ao tsy hanome biby jiky, sembana, na kolatsiky, na ze misy habokà, marary, na rindry ty bay nareo. Ao tsy hanome amy Yaveh rey ho soro baka amy ty afo amy ty alitara eo nareo. ²³Afaky manome aomby raiky na anak'aondry ze sampo na kelikely ho fanomeza antsitsa-po nareo, neda ty fanomeza manahaky zay le tsy ho ankasitraha ho ahy ty voady. ²⁴Mba ka manome biby ze fa voatorotoro, torotoro, tatataky, na vositsy ho an'Yaveh. Mba ka manao zay amy ty taninareo ao. ²⁵Enganie nareo tsy hanome ty mofo ty Njanaharinareo baka amy ty tana ty vahiny. Biby rey le sampo sady mana-hanja, tsy ho ankasitraha ho anareo rey." ²⁶Niresaky tamy Mosesy Yaveh sady nanao hozao: ²⁷"Lafa teraky ty aomby na ty aondry na ty aosy, le tsy maintsy mijano fito andro miaraky amy ty reniny zay. Sady manomboky amy ty andro fahavalo, le azo ankasitraha ho fanomeza nanovy amy ty afo ho an'Yaveh zay. ²⁸Mba ka mamono aomby vavy na aondry vavy miaraky amy ty anany, anay ty ndraik'aondro ao. ²⁹Lafa manao soro fanomezam-pisaora ho an'Yaveh nareo, le engaho hanao soro amy ty fomba azo enke. ³⁰Enganie hohany amy ty andro ze nananova soro azy zay. Ao tsy hisy hengànaireo ho tsatsy ty maray zay. Zaho ro Yaveh. ³¹Ka le enganie hiemby ty liliko noho hanantanteraky anareo rey. Zaho ro Yaveh. ³²Ao tsy hanjaty ty Anarako masy nareo. Engaho ho enke ho masy amy ty alala ty anak'Israely Zaho. Zaho ro Yaveh ze nanamasy anareo, ³³ze nanday anareo niboaky baka Egypta any mba ho Njanaharinareo: Zaho ro Yaveh. "

Chapter 23

¹Yaveh nivola tamy Mosesy hozao: ²"Miresaha amy ty olo lakon'Israely, sady mivolana amin-drozy hoe: 'Ndreto iaby fifalefalea voatondro ho ahy Yaveh, ze tsy maintsy ambaranareo ho goropy masy; rey ro fifalefaleako mahazatsy.³ Afaky miasa anay ty enin'andro nareo, fa ty andro fahafito le Sabata fijanona tanteraky, goropy masy. Ao nareo tsy hiasa safe Sabata ho an'Yaveh amy ty toera iaby ze hipetsahanareo zay.⁴Ndreto iaby fifalefalea voatondro Yaveh rey, le goropy masy ze tsy maintsy volaninareo amy ty fotoany voatondro rey: ⁵Amy ty veloha volany, amy ty andro faha efatsy ty vola amy ty takariva, ro Pakan'Yaveh. ⁶Amy ty andro faha folo limy amby vola io avao ty Fifalefalea ty Mofo tsy Misy Sira ho an'Yaveh. Anay ty fito andro nareo le tsy maintsy mihina mofo tsy misy sira.⁷Ty andro velohany ro tsy maintsy atokanareo mba hivory miarak; tsy hanao asa mahazatsy anareo rey nareo. ⁸Hanome fanomeza hohany ho an'Yaveh nareo anay ty fito andro. Ty andro fahafito ro fivoria natoka ho an'Yaveh, sady amy andro io nareo le ao tsy hanao ty asa mahazatsy."⁹Yaveh nivola tamy Mosesy, nanao hozao: ¹⁰"Miresaha amy ty olon'Israely sady mivolana amin-drozy hoe: 'Lafa avy amy ty tany ao ie hameako anareo nareo, sady lafa miasa vokatsy rey zay nareo, le tsy maintsy manday ty amboara ty veloham-bokatsy zay ho ahy ty mpisoro. ¹¹Hanondrotsy ty amboara anila Yaveh eo ie sady hanome zay ho Azy, fa ho ankasitraha aminareo eo zay. Amy ty andro afara ty Sabata ro hanonjota ty mpisoro noho fanomezany zay ho Ahy.¹²Amy ty andro ze hanondrotanareo ty amboara noho hanomeza zay ho Ahy, le tsy maintsy manome anak'aondrilahy raiky taoraiiky noho tsy misy hanja ho fanomeza oroa ho ahy Yaveh nareo. ¹³Ty fanomeza voa ro tsy maintsy koba matify roe ampahafolo ty efaha miaro menaky, fanomeza nanovy tamy ty afo ho ahy Yaveh, mba hampiboaky hanitsy ankasitraha, sady divay fanomeza inomy, raiky fahaefa ty hina miarak amy zay. ¹⁴Enganie nareo tsy hihina mofo, na vary nendazy na tsotsa, zisiky iavia ty andro nandaisanareo fanomeza io ho ahy ty Njanaharinareo. Ho lalà raiky amy ty tariha olo lakonareo rey, amy ty toera iaby hipetsahanareo zay. ¹⁵Manomboky amy ty andro afara ty Sabata--ze andro nandaisanareo ty amboara ty fanomeza arabiraby--le manisaha fito herinandro atsiky. ¹⁶Hanisaky dimampolo andro, ze ho andro afara ty Sabata fahafito nareo. Bakeo le tsy maintsy hanome fanomeza vary vaovao ho an'Yaveh. ¹⁷Tsy maintsy handay mofo roe nanovy tamy ty roe ampahafolo ty efaha baka an-tsanonareo any nareo. Engaho ho vita amy ty koba soa lisa noho mofo misy lalivay rey; ho fanomeza veloham-bokatsy arabiraby ho ahy Yaveh rey.¹⁸ Tsy maintsy ameanareo miarak amy ty mofo rey anak'aondrilahy fito taoraiiky noho tsy misy hanja, vantots'aombyraiky, sady aondrilahy roe. Tsy maintsy anovy fanomeza oroa ho ahy Yaveh, miarak amy ty fanomeza voan-drozy noho ty fanomezany inomy rey, fanomeza ze nanovy tamy ty afo ka le mampiboaky hanitsy ankasitraha ho ahy Yaveh. ¹⁹Tsy maintsy manome aosilahy raiky ho ahy ty fanomeza ty heloky nareo, sady anak'aondrilahy roe taoraiiky ho ahy ty soro, ho fanomezam-pilongoa. ²⁰ Ty mpisoro ro tsy maintsy mandrabiraby miarak amy ty mofo rey veloham-bokatsy anila Yaveh eo, sady manome androzy ho Azy mba ho fanomeza miarak amy anak'aondry roe rey. ²¹Amy mpisoro rey, fanomeza masy rey ho an'Yaveh. Amy andro io avao nareo le tsy maintsy manao fanambara. Hisy ty fiharoa masy, la tsy hanao ty asa mahazatsy nareo. Ho lalà raiky tariha olo lakonareo rey amy ty toera iaby hipetsahanareo zay.²²Lafa mijinja ty vokasiny ty taninareo nareo, le tsy tokony hijinja tanteraky zoro baibonareo rey eo, sady tsy tokony hamory ze latsaky amy ty vokatsinareo. Engaho henganareo ho ahy ty mijaly noho ho ahy ty vahiny rey. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ²³Niresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²⁴ "Miresaha amy ty olo lakon'Israely sady mivolana hoe: 'Amy ty vola fahafito, ty andro veloha vola zay le ho fijanona mihetsiketsiky ho ahinareo, fahatiarova miarak amy ty fitiofa trompetra, sady fivoria masy. ²⁵ Enganie nareo tsy hanao ty asa mahazatsy, sady ao nareo hanome soro nanovy tamy ty afo ho ahy Yaveh. ²⁶Le niresaky tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²⁷"Sady amy ty andro fahafolo vola fahafito zay ro Andro ty Fanavota. Ho fivoria masy zay, sady nareo le tsy maintsy mampijano ty vatanareo sady manome fanomeza nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh. ²⁸Enganie iha tsy hiasa amy andro io safe Andro ty Fanavota zay, mba ho fanavota ho ahy ty vatanareo anila Yaveh Njanaharinareo eo. ²⁹Ze iaby tsy mampijano ty vatany amy andro io le tsy maintsy alà baka amy ty olony eo. ³⁰Ndra ia ndra ia miasa amy andro io, Zaho, Yaveh, le handrava azy amy olony rey eo. ³¹Enganie nareo tsy hanao asa amy andro io ndra ino ndra ino zay. Ho lalà raiky amy ty tariha olo lakonareo amy ty toera iaby hipetsahanareo zay. ³² Andro zay ro tsy maintsy ho Sabata ela mihetsiketsiky ho anareo, sady nareo ro tsy maintsy mampijano ty vatanareo amy ty fahasivy vola amy ty hariva. Manomboky hariva ka le zisiky hariva nareo le hankalaza ty Sabatanareo."³³Yaveh niresaky tamy Mosesy, nanao hozao: ³⁴ "Miresaha amy ty olon'Israely, manao hozao: 'Amy ty andro faha folo limy amby vola fahafito ro ho Fifalefalea ty Fialofa ho an'Yaveh. Hoela fito andro zay.³⁵ Amy ty andro velohany le tsy maintsy hisy fivoria masy. Ao nareo tsy hanao asa mahazatsy. ³⁶ Anay ty fito andro nareo le tsy maintsy manome soro nanovy tamy ty afo ho ahy Yaveh. Amy ty andro fahavalo ro tsy maintsy hisy fiharoa masy, sady tsy maintsy manao soro amy ty afo amea ho an'Yaveh an'Yaveh nareo. Fiharoa

mihetsiketsiky zay, sady nareo ro ao tsy hanao ty asa mahazatsy.³⁷ Rey ro fifalefalea voatondro ho an'Yaveh, ze tsy maintsy ambaranareo ho fiharoa masy mba hanomeza soro nanovy tamy ty afo ho an'Yaveh, fanomeza oroa noho fanomeza vary, soro noho fanomeza inomy, ty kirai-draiky samby amy ty androny iaby. ³⁸Fifalefalea rey ro hiampy Sabatan'Yaveh rey noho fanomezanareo rey, voadinareo iaby rey, sady fanomezanareo an-tsitsapo rey ze hameanareo an'Yaveh. ³⁹Momba ty Fifalefalea ty Fialofa, amy ty andro faha folo limiaby vola fahafito, lafa voavorinareo vokatsy ty tany rey, le tsy maintsy embenanareo fifalefalea Yaveh io zisiky ty fito andro. Ty andro velohany le ho fijanona mihetsiketsiky, sady ty andro fahavalo avao koa le ho fijanona mihetsiketsiky.⁴⁰ Amyty andro velohany nareo le tsy maintsy mangalaky ty vokatsy soa bibiky baka amy hazo rey nareo, sampa ty hazo rofia, noho sampa bevata raviny amy ty ala lako ao, sady hazo malahelo amy loharano rey eny, sady hifaly anila Yaveh Njanaharinareo eo anay ty fito andro nareo. ⁴¹Anay fito andro iasan-tao rey, le tsy maintsy mankalaza fifalefalea Yaveh io nareo. Ho lalà raiky amy ty tariha olo lakonareo rey amy ty toera iaby hipetsahanareo zay. Tsy maintsy hankalaza fifalefalea io nareo amy ty vola fahafito. ⁴²Enganie hipetsaky amy ty fialofa kelikely anay ty fito andro. Israelita tera-tany iaby rey le tsy maintsy hipetsaky amy ty fialofa kelikely anay ty fito andro, ⁴³mba ho afaky hianatsy ty fomba nampipetsahako ty olon'Israely tamy ty fialofa manahaky zay lafa nitarihiko niala ty tany Egypta tarihanareo rey, ty tariha mifandimby. Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. "" ⁴⁴Tamy fomba zay, ro nanambaran'i Mosesy tamy ty olon'Israely fifalefalea voatondro rey ho an'Yaveh.

Chapter 24

¹Nivola tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ²"Bekò ty olo lakon'Israely mba handay solo-bonio tsy mifangaro vita tamy ty oliva ho anao mba hampiasà amy ty fanilo, mba hirehetsy zisiky hariva ty jiro³Arona le tsy maintsy manenga ty jiro hirehetsy avao ambaliky ty siky fanarona eo anila ty lilim-panekea amy ty tsano lay fitojeha ao, manomboky ty hariva zisiky maray ty andro. Ho lalà ela zisiky amy ty tariha olo lakonareo rey zay. ⁴Ty mpisoro bevata ro tsy maintsy miemby ty jiro hirehetsy avao anila Yaveh eo, jiro amy ty fipetsahan-jiro volamena eo rey tsy misy fangarony.⁵Enganie iha hangalaky koba matify sady hitingy mofo folo roe amby amy zay. Tsy maintsy misy roe ampahafolo ty efaha isaky ty mofo. ⁶Bakeo iha le hizara zay ho andala ty roe, eny amy ty andalany raiky, anabo ty latabatsy vita tamy ty volamena tsy mifangaro rey.⁷enganie iha hampipetsaky lintan-kazo manitsy malio isaky ty andala mofo ho fanomezam-pahatiaroava. Lintan-kazo manitsy io ro oroa ho an'Yaveh. ⁸Isaky ty Sabata ty mpisoro abo le tsy maintsy mampipetsaky zisiky hariva ty mofo anila Yaveh eo ho ahy ty olon'Israely, mba ho fahaiza ty fanenkea tsy mety tampitsy. ⁹Fanomeza io ro ho an'i Arona noho anakilahiny rey, sady hohan-drozy amy ty toera ze masy eo zay, safe antsasany baka amy fanomeza nanovy tamy ty afo rey ho an'Yaveh zay."¹⁰Sady nisy anak'ampela Israelita raiky, ze Egyptiana ro babany, nandeha tamy ty olo lakon'Israely eo ie. Anakilahy ty ampela Israelita raiky io ro nialy tamy ty Israelita raiky tamy ty toby ao. ¹¹Nivola raty ty anaran'Yaveh noho nanzo an'Janahary anakilahy azy ampela Israelita io, ka le nandesy ty olo lako tamy Mosesy eo ie. Sebomita ro anara azy reniny iny, anak'ampela Dibry, baka amy ty foko Dana. ¹²Nitandrahan-drozy tan-gadra tao ie zisiky hanambaran'Yaveh le vatany ty sitsapony amin-drozy.¹³Le nivola tamy Mosesy Yaveh, nanao hozao: ¹⁴"Alao lahilahy ze nanzo an'Janahary tambaliky ty toby ao iny. Ze iaby maharé azy le tsy maintsy mampipetsaky ty tanan-drozy amy ty lohany eo, sady engaho ty fiangona raiky iaby hitoraky vato azy.¹⁵Enganie iha hanazava amy ty olon'Israely sady hivola hozao: "Ze iaby manozo ty Njanahariny le tsy maintsy mahazaka ty helokiny. ¹⁶Ie ze mivola raty ty anara Yaveh le tsy maintsy ho vonoa vatany. Tsy maintsy hitoraky vato azy vatany ty fiangona iaby, na vahiny ie na tera-tany Israelita. Laha misy olo mivola raty ty anara Yaveh, le tsy maintsy vonoa ie.¹⁷Laha misy olo mamono olo hafa, le azo antoky fa tsy maintsy ho vonoa ie. ¹⁸Laha misy olo mamono ty biby ty olo raiky hafa, le tsy maintsy manihitsy zay ie, at solo ty ay.¹⁹Laha misy olo mandratsy ty mpiaraky mipetsaky aminy, le tsy maintsy anovy aminy ze nanoviny tamy ty mpiaraky mipetsaky aminy: ²⁰Fahatapaha solo ty fahatapaha, maso solo ty maso, hý solo ty hý. Safe nandratsy olo ie, le tsy maintsy anovy aminy koa zay. ²¹Ze iaby mamono biby raiky le tsy maintsy manonitsy zay, sady ze iaby mamono olo ro tsy maintsy vonoa.²²Enganie iha hana lalà mitovy ho ahy ty vahiny noho ty tera-tany Israelita, fa Zaho ro Yaveh Njanaharinao."²³Ka le niresaky tamy ty olo lakon'Israely i Mosesy, sady nandesy ty olo niboaky tambaliky ty toby ao lahilahy iny, nanzo an'Yaveh iny. Nitorahan-drozy tamy vato ie. Olo lakon'Israely rey le nanao manahaky ze nibekoan'Yaveh an'i Mosesy.

Chapter 25

¹Nivola tamy Mosesy tamnohitsy Sinay eny Yaveh, nanao hozao: ²"Mivolana amy ty olo lakon'Israely sady volano amin-drozy hoe: 'Lafa mana amy ty tany ze ameako anareo any nareo, le ao mba hiemby ty Meso bevata ho an'Yaveh ty tany.³Enganie iha hamboly amy ty baibo eo anay ty enin-tao, sady anay ty enin-tao le ao iha handratsy ty tanim-bolobokinao sady hamory ty vokatsy. ⁴Fa amy ty tao fahafito, le engaho ho tiaro ty andro Sabata ty fijanona mihetsiketsiky ho ahy ty tany, Sabata ho an'Yaveh. Ao iha tsy hamboly amy ty baibonao eny na handratsy ty tanim-bolobokinao.⁵Ao nareo tsy hanao fijinjana voarindra amy ty raha-iaby mitiry ho azy, sady ao iha tsy hanao fijinjana voarindra amy ty voaloboky iaby ze mitombo amy ty voalobokinao eo ze tsy voarantsa. Ho taom-pitsahara mihetsiketsika ho ahy ty tany zay. ⁶Ze mitiry amy ty tany tsy niasà anay ty tao ty Sabata ro ho haninareo. Iha, mpiasanao lahy noho ampela rey, mpiasa karamanao rey vahiny ze mipetsaky miaraky aminaon rey ro engaho hamory hany, ⁷sady ty biby harenao noho biby-li rey ro engaho hihina ze iaby vokary ty tany. ⁸Enganie iha hanisaky Sabata fito amy ty tao, zay hozao, im-pito isaky ty fito tao, mba hisy Sabata fito ty tao, efapolo sivy amby tao ty fiharoany. ⁹Le enganie iha hitsioky antsiva maré ndra ai adra ai amy ty andro fahafolo ty vola fahafito. Amy ty Andro ty Fanavota le enganie iha hitsioky antsiva mameno ty taninao iaby.¹⁰Enganie iha hanoka ty tao fahadimampolo ho an'Yaveh sady hanambara ty fahafaha mameno ty tany amy ty mpipetsaky iaby. Ho Jobily ho ahinao zay, ze tsy maintsy hampimpolia fanana rey noho andevo amy longony rey any.¹¹Ho Jobily ho ahinao ty fahadimam-polo tao. Enganie iha tsy hamboly na handay fijinjana vita lamy. Mihinana ze iaby mitiry ho azy, sady avory voloboky ze mitombo amy ty tanim-boloky eo tsy voarantsa rey. ¹²Fa Jobily, ze ho masy ho ahinao zay. Enganie iha hihina ty vokatsy ze mitiry ho azy ambaliky Baibo rey.¹³Enganie hampimpoly ty kirai-draiky amy ty zara-taniny any avao iha amy tao ty Jobily zay. ¹⁴Laha mamarotsy tany amy ty namanao iha na mivily tany baka amy ty namanao, le ao nareo tsy hifamitaky na hifanao raty.¹⁵Laha mivily tany amy ty namanao iha, diniho ty iasa ty tao noho ty vokatsy ze azo zakà zisiky hiavia ty Jobily manaraky. engaho avao koa ty namanao mamarotsy tany iny hidiniky zay. ¹⁶Ty halako ty hisaky ty tao zisiky hiavia ty Jobily manaraky ro hampitombo ty lanja ty tany, sady ty tsy fiampia ty hisaky ty tao zisiky hiavia ty Jobily manaraky ro hampihena ty lanja. Safe ty hisaky ty vokatsy ho vokary ty tany ho ahy ty tompony vaovao ro mifankahazo amy ty hisaky ty tao aloha ty Jobily manaraky. ¹⁷Ao nareo tsy hifamita na hifanao raty; fa koa; ao iha hanome voninahitsy an-Janaharinao, fa Zaho ro Yaveh Njanaharinao.¹⁸Laha zay le enganie iha hannkatò liliko rey, hiemby lalàko rey, sady hanantanteraky androzy. Le hipetsaky amy ty tany ao am-pilamina iha. ¹⁹Hanome ty vokatsy ty tany, sady hihina iha ka ho vintsy sady hipetsaky am-pilamina ao any.²⁰Mety hivola iha hozao: "Ino ro hohaninay anay ty tao fahafito iny? Ingo, tsy afaky namboly na mamory ty vokatsy zahay." ²¹Hibeko ty fitahiako Zaho mba ho avy aminareo amy ty tao faha eny, sady hamokatsy vokatsy ampy anay ty telo tao zay. ²²Hamboly iha hihina amy ty tao fahavalo sady hanohy hihina baka amy ty vokatsy ty tao taloha teo noho ty hany voahajary. Zisiky maha avy ty fijinjana amy ty tao fahasivy, le afaky hihina baka amy ty vatsy voahajary tany ty tao taloha teo iha.²³Engaho tsy heavily amy ty tompo vaovao ty tany, safe Ahy ty tany. Vahiny iaby nareo sady mpipetsaky mandalo amy ty taniko eo. ²⁴Ao iha handiniky ty Zo ty fanavota ho ahy ty tany iaby ze azonao; enganie iha hanenga ty tany himpoly holiovy ty longo ze niviliana zay. ²⁵Laha avy mijaly ty Israelita namanao sady laha antony zay ro namarotany ty ilany amy ty fananany, le mety ho avy ty longony mariny bibiky sady hivily ty fanana ze navily taminao.²⁶Laha tsy manan-dongo mba hanavota ty fananany ty lahilahy raiky, kanefa laha ambiiny ie sady mana fahafaha hanavota zay, ²⁷le hikajy ty tao zisiky amy ty namarota ty tany noho nanamboara ndraiky ty fandanja tany olo ze namarotany iny zay ie. Le himpoly amy ty fananany any avao ie. ²⁸Fa laha hohatsy ka tsy afaky mampimpoly ty tany ho azy avao ie, le hijano ho fanana nivily zay zisiky amy ty tao ty Jobily ty tany. Amy ty tao ty Jobily, le hampoly amy ty lahilahy ze namarotsy tany zay, sady ty tena tompony himpoly amy ty fananany. ²⁹Laha mamarotsy tsano amy ty tanà mivala any ty lahilahy raiky, le mety hivily zay ndraiky anay ty tao raiky iaby ie afara ty nahaletaky zay. Fa anay ty tao raiky iaby le hana ty zo ty fanavota ie. ³⁰Laha tsy avotsy anay ty tao raiky iaby ty tsano, le ho fanana mandrakizay ho ahy ty olo ze nivily zay ty tsano amy ty tanà mivala ao, ka le zisiky amy ty tarihany farany. Le tsy himpoly tsano zay amy ty tao ty Jobily.³¹Fa tsano vohitsy ze tsy misy vala miodidy androzy rey le dinihy hanahaky ty baibo ty tany. Havota ndrozy, sady tsy maintsy hampoly anay ty tao ty Jobily. ³²Ndra zay aza, ty tsano ty Levita an-tanàn-drozy ao le ho avotsy amy ty fotoa iaby.³³Laha tsy manavotsy ty tsano ze naviliny ty raiky amy Levita rey, le tsy maintsy hampoly amy ty tao ty Jobily ty tsano ze navily tan-tanà ao nisy azy, fa fananan-drozy amy ty olo lakon'Israely rey tsano ty tanà ty Levita. ³⁴Fa baibo miodidy ty tanàn rey le tsy azo avily safe fanana raiky Levita rey zay.³⁵Laha nanjary nijaly ty tana raiky aminaon, ka le tsy afaky mamoha ho azy sasy ie, le enganie iha hanampy azy manahaky ty hanampeanao vahiny na olo raiky ze mipetsaky manahaky ty mpivahiny aminaon eo. ³⁶Mba ka mangalaky tombony aminy na manohatsy

mananaraotsy azy amy tyvfomba iaby, fa manome voninahitsy ty Njanaharinao mba ho afaky hiay miaraky aminao rahalahinao rey.³⁷ Mba ka mampitrosa jala azy sady mangala jala kelikely aminy, na mamarotsy aminy ty haninao mba hazoanao benefisy.³⁸ Zaho ro Yaveh Njanaharinao, ze nanday anao niboaky ty tany Egypta, mba hafahako manome anao ty tany Kanana, sady hahavy Ahy ho Njanaharinao.³⁹ Laha nanjary mijaly ty mpiaraky tana taraiky aminao sady mamarotsy ty vatany aminao, ao iha tsy hampiasa azy manahaky ty andevo.⁴⁰ Anovo manahaky ty mpiasa karama ie. Enganie ie hanahaky ty olo ze miay miaraky aminao amy ty fotoa voatondro. Hanpmpo hiaraky aminao zisiky ty tao ty Jobily ie.⁴¹ Bakeo le hiala aminao ie, ie noho anany miaraky aminy rey, sady himpoly amy ty longony any noho ty fanana babany ie.⁴² Fa mpiasako ze nandesiko niboaky ty tany Egypta ndrozy. Tsy havily manahaky andevo rey ndrozy.⁴³ Ao iha tsy handay androzy an-karatia, fa ao iha hanome voninahitsy ty Njanaharinareo.⁴⁴ Laha ty amy andevo lahy rey noho ampela, ze azonao ala baka amy ty firenea ze mipetsaky miodidy anao, le afaky hivily andevo baka amin-drozy iha.⁴⁵ Afaky mivily andevo baka amy vahiny ze mipetsaky aminao eo avao koa iha, le ze baka amy longo ze miaraky aminao rey, aja ze teraky tamybty taninao ao. Ho lasa fanananao ndrozy.⁴⁶ Hamokatsy andevo manahaky zay ho lova ho ahy anakinao afara, mba tandraha ho fanana iha. Bakeo amin-drozy mandrakariva ro hivilianao andevo rey, fa engaho iha tsy handay an-kery rahalahinao rey amy olo lakon'Israely rey.⁴⁷ Laha lasa mpanarivo ty vahiny na ty olo ze miay miaraky aminao amy ty fotoa voafetsa, sady laha lasa mijaly ty raiky amy ty Israelita namanao ka le mamarotsy ty vatany amy vahiny zay, na amy ty olo amy ty longo ty vahiny ao,⁴⁸ lafa voavily ty Israelita namanao, le afaky vilý ndraiky ie. Hanavotsy azy ty raiky amy ty longony ao.⁴⁹ Mety ho rahalahy-babanao olo iny, na anaky ty rahalahy ty babanao, ro mamarotsy azy, na olo ze longony mariny baka amy ty longony. Ndra, laha lasa mpanarivo ie, le afaky hanavotsy ty vatany.⁵⁰ Engaho ie hifanaraky amy ty olo nivily azy; engaho ndrozy hanisaky ty tao manomboky ty tao nahaletaky azy tany ty mpivily azy ka le zisiky amy ty tao ty Jobily. Enganie ty vily ty fanavota azy ho eretserety miaraky amy ty taham-vily ty mpiasa nikarama, ho ahy ty hisaky ty tao hanohizany miasa ho ahy ty nivily azy iny.⁵¹ Laha mbo misy tao lako zisiky hiavia ty tao ty Jobily, engaho ie himpoly handoa sandan-jala manahaky ty vily ty fanavota ze mifandanja amy ty hisaky ty tao rey.⁵² Laha hohatsy ka tsy ampy ty sisa zisiky hiavia ty tao ty Jobily, le tsy maintsy mifanaraky amy ty mpivily azy ie mba hahita ty hisaky ty tao sisa ambiny aloha ty tao ty Jobily, sady engaho ie handoa ho ahy ty fanavotany mifanaraky amy ty hisaky ty tao.⁵³ Hanovy manahaky ty lahilahy nikarama isan-tao ie. Enganie ho azona antoky fa tsy handay azy amin-kery vatany iha.⁵⁴ Laha tsy avotsy amy zay ie, le engaho ie hanompo zisiky amy ty tao ty Jobily, ie noho anany miaraky aminy rey.⁵⁵ Amiko ro mpiasa ty olo lakon'Israely. Mpiasako ze nandesinao niboaky ty tany Egypta ndrozy. Zaho ro Yaveh Njanaharinao."

Chapter 26

¹"Enganie nareo tsy hanao sampy rey, na hananga sarin-draha voasokitsy na tsangam-bato masy, sady vato voasokitsy amy ty taninareo ao ze hionjehanareo, fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo. ²Enganie hiemby Sabatako rey noho hameako voninahitsy ty fipetsahako masy nareo. Zaho ro Yaveh. ³Laha manoriky lalàko noho miemby liliko rey sady mankatò zay nareo, ⁴le hanome ora anareo amy ty androny Zaho; hanome ty vokatsiny ty tany, sady hazo ty baibo rey hamokatsy voany rey. ⁵Sady ty famangoam-bary ro hitohy mah ty foto ty fiotazamboaloboky, sady hihintsa zisiky amy ty fotoa fambolea ty vokatsy-voloboky. Hihina ty mofonareo zisiky mahavintsy anareo sady hiay am-pilamina amy ze nanovinareo any fipetsaha amy ty tany ao. ⁶Hanome fiadana amy ty tany ao Zaho; hiroro miarakany amy ty raha tsy hampatahotsy anareo nareo. Hanombotsy biby mandoza amy ty tany Zaho, sady tsy handalo amy ty taninareo ty meso bevata. ⁷Hania fahavalonareo nareo, ka le ho tonta alohanareo eo amy ty alala ty meso bevata ndrozy. ⁸Limy aminareo hania zato, sady zato aminareo hania raiky haly; ho tonta alohanareo eo amy ty alala ty meso bevata fahavalonareo rey. ⁹Hanenty anareo amy fankasitraha Zaho sady hampamokatsy noho hampitombo hisaky anareo; hampipetsaky ty fanenkeako aminareo Zaho. ¹⁰Hihina hany voahajary amy ty fotoa ela nareo. Tsy maintsy hampiboaky hany voahajary rey nareo safe hılanareo ho ahy ty vokatsy vaovao ty efitsy. ¹¹Hampipetsaky ty tabernakeliko aminareo eo Zaho, sady tsy halay anareo Zaho. ¹²Handeha aminareo eo Zaho sady ho Njanaharinareo, sady nareo ho oloko. ¹³Zaho ro Yaveh Njanaharinareo ze nanday anareo nihoaky ty tany Egipta, mba tsy ho andevon-drozy nareo, nanapaky ty hily ty ziohanareo Zaho sady nampandeha anareo mahity. ¹⁴Fa laha tsy hijanjy Ahy nareo, sady tsy hankato liliko iaby rey, ¹⁵sady laha mandà liliko rey noho malay lalàko rey, sady tsy mankatò liliko iaby rey nareo, fa hivalihanareo ty fanenkeako---¹⁶---laha manao raha rey nareo, le hanao zao aminareo Zaho: Hampisy horohoro aminareo Zaho, arety noho tazo ze hanimba ty maso noho hanimba ty ainareo. safe fahavalonareo rey ro hihinaty vokany. ¹⁷Hanohatsy ty vatako hanohitsy anareo Zaho, sady hanjaka fahavalonareo tanteraky nareo rey. Hanapaky anao lahilahy rey ze malay anao, ro hilay iha, na le tsy misy na raiky aza mialona anao. ¹⁸Laha tsy mijanjy liliko rey nareo, le hanafay am-pahasiahanareo anareo im-pito noho ty fahotananareo Zaho. ¹⁹Handrava ty avonavonareo anay ty herinareo Zaho. Hanao ty lanitsy anabonareo eo hanahaky ty vy Zaho sady ty taninareo manahaky ty saba. ²⁰Hampiasa amy ty raha tsy misy ty tanjakinareo, safe tsy hamokatsy ty volany ty taninareo, sady hazo amy ty tany ao rey le tsy hamokatsy voany rey. ²¹Laha mandeha manohitsy Ahy nareo sady tsy hijanjy Ahy, handay faharary im-pito mandilatsy aminareo eo Zaho, manahaky ty fahotananareo. ²²Handefa biby mandoza hanohitsy anareo rey Zaho, ze hangalatsy anaky nareo rey, handrava ty biby harenareo, sady tsy hahampy hisaky anareo. ka ho lasa bevata ty lalanareo. ²³Ndra le eo aza raha zay ka le mbo tsy manenky ty fanitsiako avao nareo sady mandeha manohitsy Ahy zisiky any, ²⁴le handeha hanohitsy anareo avao koa Zaho, le Zaho mihintsy ro hanafay anareo im-pito noho fahotananareo rey. ²⁵Handay meso bevata aminareo eo Zaho ze hanantanteraky ty famalia noho ty fivaliha tany ty fanenkeako. Havory miarakany an-tanànanareo ao nareo, le handefa arety aminareo any Zaho, le hamea ho an-tana fahavalonareo eo nareo. ²⁶Lafa hotapahiko ty hany vatianareo, le ampela folo ro hahavita hitondro ty mofonareo anay laforo raiky, le hizara ty mofonareo ara-danja ndrozy. Hihina anareo fa tsy ho afa-po. ²⁷Laha tsy mijanjy Ahy nareo ndra eo aza rey, fa mbo mandeha manohitsy Ahy zisiky any, ²⁸le handeha hanohitsy anareo an-keloky zisiky any Zaho, sady hanafay anareo im-pito mandilatsy zay noho ty fahotananareo. ²⁹Hihina ty nofotsy anakilahinareo rey nareo; hihina ty nofotsy anak'ampelanareo rey nareo. ³⁰Handrava fipetsahanareo abo Zaho, hanapaky alitara ty lintan-kazo manitsy rey, sady hanary ty fatinareo anabo ty faty sampinareo eo, le Zaho mihintsy ro halay anareo. ³¹Hamaliky tanànanareo ho farava Zaho sady handrava fipetsahanareo masy rey. Tsy ho faly amy ty hanitsy fanomezanareo rey Zaho. ³²Handrava ty taninareo Zaho. fahavalonareo ze hipetsaky any rey le ho tsilovy amy ty faharava. ³³Hampiparitaky anareo mameno ty firenea Zaho, sady hampitsoaky ty meso bevata noho hanarakany anareo Zaho. Henga ty taninareo, sady ho rava tanànanareo rey. ³⁴hotea ty Sabatany ty tany anay ty hiroroany ho lao sady ho amy ty tany ty fahavalonareo ao nareo. Anay ty fotoa zay, hijano ty tany ka le hotea Sabatany rey. ³⁵Laha mbo hiroro ho lao zay, le hana fijanona, ze ho fijanona tsy azony tany ty Sabatanareo, lafa nipetsaky tao nareo. ³⁶Sady ty amy ty ilany aminareo ze nengà amy ty tany fahavalonareo rey any, le handefa tahotsy amy ty fonareo Zaho ka ndra raviny voatsoky ty tsioky aza le hanaitsy anareo, le hilay manahaky ty hoe niala tany ty meso bevata nareo. Holavo iha, ndra le tsy misy ndra ia ndra ia mania aza. ³⁷Ho heloky amy ty kirai-draiky eo manahaky ty hoe milay-meso bevata nareo, ndra le tsy misy ndra ia ndra ia aza mania anareo. Tsy hana hery hitsangana anareo aloha fahavalonareo rey nareo. ³⁸Ho maty amy firenea any nareo, sady handrapaky anareo tany ty fahavalonareo rey. ³⁹Ze sisa tavela aminareo rey le ho tsobo anay ty fahotan-drozy rey ao, amy ty tany fahavalonareo rey ao, sady noho heloky ty razamen-drozy rey le hihaosa ndrozy. ⁴⁰Fa laha miaky fahotany noho ty fahota razambeny rey ndrozy, noho famadiha ze tsy natokisa

tamiko rey, sady ka le ty fandehana manohitsy Ahy--- ⁴¹ze nahavy Ahy hivaliky amin-drozy sady nandaisako androzy tany ty tany fahavalony rey--- laha mieny ty fo tsy voasavatsin-drozy, sady laha manenky ty faikiko ho ahy ty fahotany ndrozy, ⁴²le hotiaroko ty fanenkeako niaraky tany Jakoba, ty fanenkeako niaraky tany Isaka, sady ty fanenkeako niaraky tany Abrahama; hotiaroko avao koa ty tany. ⁴³Hengan-drozy ty tany, ka le ho faly miaraky amy ty Sabatany zay zisiky ty hiroroany hanohitsy ho ahy otany rey ndrozy safe ndrozy mihintsy ro nandà fepetsiko rey noho nalay lalàko rey. ⁴⁴Fa ndra eo aza iaby zay, lafa an-tany ty fahavalony rey ndrozy, le tsy hanary androzy Zaho, na halay azy ka le handrava tanteraky androzy noho handrava ty fanenkeako niaraky tamin-drozy, fa Zaho ro Yaveh Njanaharin-drozy. ⁴⁵ Fa hotiaroko ho androzy ty fanenkea niaraky tany razambeny rey, ze nandesiko niboaky ty tany Egypta tamaso ty firenea rey eo, mba ho Njanaharin-drozy Zaho. Zaho ro Yaveh. ⁴⁶Rey ro lily, fipetsaha, sady lalà ze nanovy Yaveh Taminy eo noho ty olo lakon'Israely tambohitsy Sinay any tany ty alala Mosesy.

Chapter 27

¹Nivola tamy Mosesy Yaveh ka le nanao hozao: ²"Mivolana amy ty olo lakon'Israely ka le volano ndrozy hoe: 'Laha misy olo manao voady mivavaky amy Yaveh, le ampiasao tombo ty vily mifanaraky aminy rey.'³Ty fenitsy ty tombonao ho ahy ty lahilahy manomboky amy ty ropolo ka le zisiky amy ty enimpolo tao le tsy maintsy sekely volafoty dimampolo, manahaky ty sekely ty fipetsaha masy. ⁴Ho ahy ty ampela amy tao zay avao ro sekely telopolo ty fenitsy ty tombonao.⁵Ty fenitsy ty tombonao amy ty limy zisiky amy ty ropolo tao le tsy maintsy sekely ropolo, sady ho ahy ty ampela ro sekely folo. ⁶Ty fenitsy ty tombo ho ahy ty lahilahy vola raiky zisiky limy tao le tsy maintsy sekely volafoty limy, sady sekely volafoty telo ho ahy ty ampela.⁷Ty fenitsy ty tombo ho ahy ty lahilahy enimpolo tao ro miakatsy le tsy maintsy sekely folo limy amby, sady ho ahy ty ampela le sekely folo.

⁸Nefa laha tsy afaky ty handoa ty fenitsy ty tombo olo ny manao ty voady, le tsy maintsy atoro amy ty mpisoro any olo amea iny, sady hampitombo olo zay amy ty viliny anaky iny manao ty voady ty mpisoro.⁹Laha misy olo maniry hanao soro biby ho an'Yaveh, ka laha eken'Yaveh zay, le ho voatoka ho Azy biby zay. ¹⁰Engaho olo zay tsy hanova na hamaliky biby manahaky zay, ty soa ho amy ty raty na ty faty ho amy ty soa. Laha mampifamaliky biby raiky ho amy ty raiky hafa ie, le samby nanjary masy ndra zay ndra ty raiky ze nampifamaliha taminy.¹¹Fe, laha hohatsy ka maloto ananova olo iny valy hamea an'Yaveh, mba tsy hanenkea Yaveh zay, le tsy maintsy handay biby iny amy ty mpisoro any olo iny. ¹²hatombo zay ty mpisoro, mahnahaky ty tombo ty varotsy ty biby. Ndra ino ndra ino tombo apetsaky ty mpisoro amy biby iny, le zay ro ho tombony. ¹³Laha mitiry ty hananova zay ty tompony, le manampy mandilatsy ty tombo ty viliny amy ty vilim-panavota zay ao.¹⁴Lafa manoka ty tsanony ho fanomeza masy ho an'Yaveh ty lahilahy raiky, le hampitombo zay ty mpisoro na ho soa na ho raty. Ndra ino ndra ino atombo ty mpisoro zay, le zay ro ho ie. ¹⁵Nefa laha mitiry hanavotsy zay ty tompony ze manoka ty fipetrahany, le tsy maintsy manampy raiky antsasa ty limy tombo ty viliny amy ty vilim-panavota zay ao ie, ka le ho azy zay.

¹⁶Laha manoka ty ilany amy ty taniny avao ty lahilahy raiky, le ho manahatahaky ty lanja ty voa ilà ambole amy zay ro ho tombo ty vily vary hordea raiky homera ho tombona sekely volafoty dimampolo.¹⁷Laha hohatsy ka manoka ty baibony anay ty taon-jobily ie, le hijano amy zay avao ty tombo ty viliny. ¹⁸Nefa laha manoka ty baibony afara ty taon-jobily koa ie, le engaho ho kajy ty mpisoro ty tombo ty baibo manahaky ty hisaky ty tao sisa zisiky hiavia ty taon-jobily manaraky, sady tsy maintsy hahena ty tombo ty vily zay.¹⁹Laha mitiry hanavotsy ty baibo lahilahy iny ze nanoka zay, le tsy maintsy manampy raiky antsa ty limy ty tombo ty viliny ie, ka le ho azy zay. ²⁰Laha tsy hanavotsy ty baibo koa ie, na fa naviliny tamin'olo hafa baibo iny, le tsy azo avota sasy zay. ²¹Fa koa, baibo iny, lafa aboaky amy ty taon-jobily, le ho fanomeza masy ho an'Yaveh zay, manahaky ty baibo ze fa namea tanteraky ho an'Yaveh. Ho ahy ty mpisoro zay.²²Laha manoka baibo ze baka niviliany ty lahilahy raiky, nefa tsy anisa ty tanin-draza baibo zay, ²³le ho vinavina ty mpisoro ty tombo ty vily zay zisiky amy ty taon-jobily, ka le tsy maintsy aloa lahilahy iny ho fanomeza masy ho an'Yaveh ty tombo zay amy andro zay.²⁴Amy ty taon-jobily, le himpoly amy ty lahilahy iny any ze niviliany zay ty tany, amy ty tompo ty tany any. ²⁵Ty tombo ty vily iaby le tsy maintsy anovy manahaky ty lanja ty sekely ty fipetsaha masy. Tsy maintsy gera ropolo ro miraiky amy ty sekely ty raiky.²⁶Tsy misy mahazo manoka ty velohan-teraky amy ty biby, safe ty velohan-teraky ro fa an'Yaveh; ndra aomby ndra aondry, an'Yaveh zay. ²⁷Lafa hohatsy ka biby maloto zay, le mahazo mivily tompony, sady tsy maintsy manampy raiky antsasa ty limy ty tombony zay. Fa laha tsy avotsy koa biby iny, le havily amy ty tombony voatondro zay.²⁸Fa tsy misy raha atoka ty lahilahy raiky ho ahy Yaveh, baka amy ze iaby ananany, na olombelo na biby, na ty tanin-drazany,ka le afaky avily na avota. Ze iaby natoka ro masy bibiky ho an'Yaveh. ²⁹Tsy misy vilim-panavota azo aloa ho ahy ty olo ze voatoka ho amy ty faharava. Tsy maintsy vonoa olo zay.³⁰Ty ampahafolo ty vokatsy iaby ty tany, ndra voly amy ty tany eny zay ndra vokatsy baka amy ty hazo, le ahy Yaveh. Masy ho ahy Yaveh zay. ³¹Laha hanavotsy ty ampahafolom-bokatsiny ty lahilahy raiky, le tsy maintsy manampy abo limy he y amy ty tomba zay ie.³²Laha ty amy ty ampahafolo ty aomby na aondry, ndra ino ndra ino mandalo ambany tsorakazo ty mpiemby aondry eo, ty raiky ampahafolo zay le tsy maintsy atoka ho ahy Yaveh. ³³Enganie tsy hila ty biby soa na ty raty ty mpiemby, sady engaho ie tsy hampifamaliky zay. Laha hohatsy kananakalo zay ie, le samby masy iaby ndra zay ndra azy takalony iny. Tsy azo navota zay."³⁴Ndreto iaby ze namea Yaveh ho ahy Mosesy ho ahy ty olo lakon'Israely tam-bohitsy Sinay any.

Numbers

Chapter 1

¹Nivola tamy Mosesy tamy trano-lay fivoria Yaveh. Niseho zay tamy ty velohan'andro tamy ty faharoe ty vola

zisiky tamy ty faharoa ty tao tafara ty niboaha ty olon'Israely baka amy ty tany Egypta. Hoasa Yaveh:

²"Manomboha fanisa olo amy lahilahy Israely iaby rey saky ty vondrony, amy ty longo ty babandrozy. Hisafo amy ty anarany ndrozy, ty lahilahy kiraikiraiky iaby ³ze roapolo tao mihoatsy. hisafo iaby rey ze afaky mialy ho miaramila hoahy ty Israely. Tokony hosoratanao noho i Arona an-taratasy ty hisaky ty lahilahy amy ty vondrondrozy mitanjaky fialia.⁴Lahilahy raiky baka amy ty fokoa kiraikiraiky iaby, loha ty vondro raiky, ro engaho hanompo miarakay aminao ho mpitary ty fokoany. Ty mpitariky kiraikiraiky iaby le tsy maintsy mitarikyazy lahilahy ze hialy rey hoahy ty fokoany. ⁵Retia ty anara ty mpitariky ze tsy maintsy mialy miarakay aminao: baka may fokoa i Robena, Elizora anaky Sedeora; ⁶baka amy fokoa i Simeona, Selomiela anaky Zorisaday; ⁷baka amy fokoa i Joda, Nasona anaky Aminadaba; ⁸baka amy fokoa Isakara, Netanela anaky Zoara; ⁹baka amy fokoa i Zebolona, Eliaba anaky Helona; ¹⁰baka amy fokoa i Efraima anaky Josefa, Elisama anaky Ahimoda; baka amy fokoa i Manase, Gamaliela anak'i Pedaroza; ¹¹baka amy fokoa i Benjamina, Abidana anaky Gideony; ¹²baka amy fokoa i Dana, Ahiezara anaky Amisaday; ¹³baka amy fokoa i Asera, Fagiela anak'i Okrana; ¹⁴baka amy fokoa i Gada, Eliasafa anaky Doela; ¹⁵le baka amy fokoa i Naftaly, Ahira anak'i Enana." ¹⁶rey ty lahilahy nitinginy tamy olo teo. Nitariiky ty fokoa ty razambeny ndrozy. Ndrozy rey ro mpitariky ty antoko ta Israely. ¹⁷Nalay Mosesy noho i Arona lahilahy rey, ze nitanjahy an-taratasy araky ty anarany, ¹⁸sady niarakay tamy ty lahilahy rey le navorindrozy ty lahilahy iaby tamy Israely tamy ty andro veloha ty vola faharoe. Sady ty lahilahy roepolo tao ndra mandilatsy kiraikiraiky iaby le nampamantary ty razambeny. Tsy maintsy nanome anara antoko rey noho ty longony tariha baka amy ty zambeny ie. ¹⁹Le nitanjaha i Mosesy an-taratasy ty hisakindrozy taneftsy Sinay tany, araky ty teany Yaveh hanoviny. ²⁰Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roepolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Robena, talan'olon'Israely, baka amy ty fitanjaha antaratasy ty fokoa ty razambendrozy. ²¹46.500 lahilahy ty hisakindrozy baka amy fokoa i Robena. ²²Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roepolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Simeona, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ²³59.300 lahilahy ty isandrozy baka amy fokoa i Simeona. ²⁴Nihisafy iaby ty anara ty lahilahy ze roepolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha mialy baka amy tariha i Gada, baka amy fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ²⁵45.650 lahilahy isandrozy baka amy fokoa i Gada. ²⁶Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roepolo tao ndr mandilatsy afaky mandeha mialy baka amy tariha i Joda, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ²⁷74.600 lahilahy ty isandrozy baka amy fokoa i Joda. ²⁸Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha Isakara, kaba amy fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ²⁹54.400 lahilahy ty isandrozy baka amy ty fokoa Isakara. ³⁰Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Zebolona, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ³¹57.400 lahilahy ty isandrozy baka amy ty fokoa i Zebolona. ³²Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Efraima, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty longo tyrazany noho ty longondrozy. ³³40.500 lahilahy ty isandrozy baka amy fokoa i Efraima. ³⁴Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha mialy baka amy tariha i Manase, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ³⁵32.200 lahilahy ty isandrozy baka amy ty fokoa i Manase. ³⁶Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Benjamina, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ³⁷35.400 isandrozy baka amy fokoa i Benjamina. ³⁸Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy baka amy tariha i Dana, baka amy fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ³⁹62.700 lahilahy ty isandrozy baka amy ty fokoa i Dana. ⁴⁰Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy iaby baka amy tariha i Asera, baka amy ty fitanjaha an-taratasy ty fokoa ty razany. ⁴¹41.500 lahilahy isandrozy avy baka amy fokoa i Asera. ⁴²Nihisafy ty anara ty lahilahy iaby ze roapolo tao ndra mandilatsy afaky mandeha hialy iaby baka amy tariha i Naftaly, baka amy ty fitanjaha antaratasy ty fokoa ty razany noho ty longondrozy. ⁴³53.400 lahilahy ty isandrozy baka amy fokoa i Naftaly. ⁴⁴niarakay nihisafy ty lahilahy iaby rey, niarakay tamy ty lahilahy folo roe amby ze nitariiky ty fokoa folo roa amby ahy Israely i Mosesy noho i Arona. ⁴⁵Le lahilahy Israely roepolo tao ndra mandilatsy, azy iaby afaky mialy amy ty aly rey, le nihisafy kiraikiraiky tamy ty longondrozy. ⁴⁶603.550 lahilahy ty isandrozy. ⁴⁷Fa tsy nihisafy ty lahilahy ze tariha i Levy rey, ⁴⁸safe nivola tamy Mosesy Yaveh manao hozao: ⁴⁹"Tsy mahazo manisaky ty fokoa i Levy iha ndra mampilitsy azy amy ty fitambara ty olon'Israely iaby" ⁵⁰Fe, Tingino ty Levita rey hidary ty tabernakely ty didy mpanenkea, noho hikarakara ty fanaky rehetra amy tabernakely ao noho ty raha iabby amy zay ao. Engaho hitarazo ty tabernakely Levita, sady engao handay ty fanaky ty tabernakely ndrozy. Engaho hikarakara ty tabernakely noho ty toby mihodidy zay ndrozy. ⁵¹Lafa te hafalo amy ty toera hafa ty tabernakely, le egnaho ty Levita hangalaky zay. Lafa tokony henga ty tabernakely, le engaho hanenga zay ty Levita. Ze olo hafa mamonjy ty tabernakely le tsy maintsy ho maty. ⁵²Lafa mametraky ty lainy ty olon'Israely, le engaho hanao zaya anila ty

faneva ze ahy ty fokoany mitanjaky fialia ty lahilahy kiraikiraiky iaby.⁵³Ndra zay aza, engaho hametraky ty lainy mihodidy ty tabernakely ty didim-panenkea ty Levita mba tsy ho avy amy ty olon'Israely ty heloko. Tokony tsy hikarakara ty tabernakely ty lala ty fanekeam-pilongoa ty Levita." ⁵⁴Nanao kila raha iaby zay ty olon'Israely. Nanovindrozy ze iaby nandidia Yaveh tamy alala i Mosesy.

Chapter 2

¹Nivola tamy Mosesy noho Arona ndraiky Yaveh. Hozao tiasany: ²"Ty Israelita kiraikiraiky le tsy maintsy mipetraky mihodidy ty fokoany iaby, Miaraky amy ty faneva ty longo ty babandrozy. Hivory mihodidy ty zoron-trano-lay faifankahita iaby ndrozy.³ Azy hivory an-trano-lay fifankahita, ze hiposaha ty mahasoandro, le ndrozy ro toby i Joda sady mivory araky ty fokoandrozy. Nasona anakilah'i Aminadaba ro mpitariky ty olon'i Joda. ⁴74.600 ty isa ty olo i Joda.⁵ Ty foko a Isakara le tsy maintsy mivory anila i Joda. Netanela anakilah'i Zoara le tsy maintsty mitariky ty miaramila Isakara. ⁶54.400 lahilahy ro tamy fizarany.⁷ Ty foko a Zebolona le tsy maintsy mivory annila Isakara. Eliazaba anakilah'i Helona ro tsy maintsy mitariky ty miaramila i Zebolona. ⁸57.400 ro amy ty fizarany. ⁹186.400 ty isa ty toby i Joda iaby. Ndrozy ro hiongaky velohany.¹⁰ Amy ty ilany antimo ro hisy ty toby Robena araky ty fokoany. Ty mpitariky ty toby tiahy Robena le i Elizora anakilahy i Sedera. ¹¹46.500 ty amy fizarany.¹² Mivory anila i Robena i Simeona. Ty mpitariky ty olo i Simeona le i Selomiela anakilah'i Zorisaday. ¹³59.300 ty isa ty fizarandrozy.¹⁴ Ty foko a gada le tanilany teo avao. Ty mpiatariky ty olon-Dranahary le i Eliasafa anakilah'i Roela. ¹⁵445.650 ty isa amy ty fizarany.¹⁶ 151.450 ty isa ty toby iaby amy foko a i Robena araky ty fizarany iaby. Ndrozy le hiongaky faharoa.¹⁷ Manaraky zay, ty trano-lay fifankahita le tsy maintsy miboaky ty toby miaraky amy Levita rey eo anivo ty toby iaby. Tokony hiboaky ty toby araky ty filahara nnidirandrozy tamy ty toby araky ty filahara nilirandrozy tamy ty toby ndrozy. Ty laahilahy iaby le tokony ho amy ty toerany iaby, araky ty fanevany.¹⁸ Ty fizaraka ty toby eframa rey le ambany ty fokoandrozy. Ty mpitariky ty olon'i Eframa le i Elisama anakilah'i Amihoda. ¹⁹40.500 ty isa amy ty fizarany.²⁰ Anilandrozy eo ty hisy ty foko a i Manase. Ty mpitariky i Manase le i Gamaliela anakilah'i Pedazora. ²¹32.200 ty isa ty fizarany.²² Anilanao eo ro misy foko a i Benjamina. Ty mpitariky i Benjamina le i Abidana anakilah'i Gideona. ²³35.400 ty isa ty fizarany.²⁴ 108.100 ty isa ty toby iaby amy Eframa ao. Ndrozy ro hiongaky fahatelo.²⁵ Avaratsy any ro hisy ty toby i dana. Ty mpitariky ty olon'i Dana le i Ahiezara anakilah'i Amisaday. ²⁶62.700 ty isa amy ty fizarany.²⁷ Ty olo foko a i Asera le nitoby tanila i Dana teo. Ty mpitariky ty olon'i Asera le i Pagiela anakilah'i Okrana. ²⁸41.500 ty isa amy ty fizarany.²⁹ Tanila ty foko a i Naftaly. Ty mpitariky aahy Naftaly le i Asira anakilah'i enana. ³⁰53.400 ty isa ty fizarany.³¹ 157.600 ty isa ty toby iaby niaraky tamy i Dana. Ndrozy ro hiongaky amy ty fara ty toby, ambany ty fanefandrozy.³² Rey ty isa ty Israelita araky ty longondrozy. Ty nihsahy iaby tamy ty tobindrozy rey, araky ty fizarandrozy le 603.550. ³³Fa i Mosesy nohho i Arona le tsy nanisaky ty Levita rey tamy ty olon'Israely. Zay le arky ty fanandidia Yaveh ahy Mosesy.³⁴ TY olon'Israely le nanao ze kila raha nampanaova Yaveh ahy Mosesy. Nivory araky ty fanevany ndrozy. Niboaky ty toby araky ty fokoany ndrozy, araky ty filahara ty longo ty razany.

Chapter 3

¹Le zao ty tantara ty tariha i Arona noho i Mosesy lafa nnivola tamy Mosesy tamy ty vohitsy Sinay i Yaveh. ²Ty anara ty anakilah'i Arona rey le i Nadaba talanolo, noho i Abiho, Eleazara, le i Itamara. ³Rey ty anara ty anakilah'i Arona, mpisoro ze nohosora noho nitinginy rey hanompo ho mpisoro. ⁴Fe i Nadaba noho Abiho avao ro nimaty tanatreha Yaveh lafa nanesy Azy afo tsy nenkeny tanefitsy i Sinay ndrozy. Tsy nanan'anaky i Nadaba noho i Abiho, le i Eleazara noho Itamara avao ro nanompo ho mpisoro niaraky tamuy Arona babandrozy. ⁵Nivola tamy i Mosesy Yaveh. Hozao tiasany: ⁶"Andeso ty fokoa i Levy le ampitoro ahy Arona mpisoro ndrozy mba hanampy azy. ⁷Tokony hanao adidy amy ty anjara i Arona noho ty fifvondrona iaby aloha ty trano-lay ty fifankahita ndrozy. Engaho hanompo amy tabernakely ao. ⁸Engaho hikarakara ty enta iaby amy trano-lay fifankahita ndrozy, sady hanampy ty fokoa Israely hanatanteraky ty asa fanompoa ty tabernakely. ⁹Tokony hasesinao amy Arona noho ty anakilahiny Levita rey. Aseseo iaby ndrozy mba hanampy azy hanompo ty olon'Israely. ¹⁰Tsy maintsy tingininao ho mpisoro i Arona noho ty anakilahiny rey, fe ty olo ze hafa firenena avy magnato le tsy maintsy vonoa ho maty." ¹¹Nivola tamy Mosesy Yaveh. Hozao tiasany: ¹²"Ingo, fa nangalaky ty Levita baka amy ty olon'Israely Zaho. Zay ty nanoviko lafa tokony nangalaky ty talanolo kiraikiraiky ze niteraky tamy ty olon'Israely. Tiahy Levita rey. ¹³Tiahy ty velohan-teraky iaby. Tamy ty andro nanasiako ty talanolo iaby tamy ty tany Egypta, ro nanasarahako ho Tiahy ty velohan-terak'Israely iaby, ndra ty olo ndra ty biby fihary. Tiahy rey. Zaho ro Yaveh. ¹⁴Nivola tamy Mosesy tanefitsy Sinay Yaveh. Hozao tiasany: ¹⁵"Hisao ty isaky ty valy aminanaky ty tariha i Levy, saky ty valy amy ty anaky ty zarandrozy. Hisao ty lahilahy iaby ze vola raiky noho mandilatsy." ¹⁶Nanisa androzy i Mosesy, araky ty safa Yaveh, araky ty nandidiany azy ho hanovony. ¹⁷Ty anara ty anakilah'i Levy rey le i Gersona, Kohata, sady Merary. ¹⁸Ty longo mare baka amy ty anakilah'i Gersona le i Libny noho Simey. ¹⁹Ty longo mare baka amy ty anakilah'i Kohata le i Amrama, Izara Hebrona, sady Oziela. ²⁰Ty longo mare baka amy anakilah'i Merary le i Maly noho Mosy. Rey ty longo mare i Levita rey, ze nalahitsy arky ty longony iaby. ²¹Ty longo mare i Libnita noho Simeita rey le baka amy Gersona. Rey iaby ty longo mare i Gersonita. ²²Ty lahilahy iaby manomboky ty vola raiky noho mandilatsy le nihisahy, miisa 7.500. ²³Ty longo mare Gersonita rey le nivory amy andrefa ty tabernakely. ²⁴Eliasafa anakilah'i Laela ro tsy maintsy hitariiky ty longo mare i tariha i Gersonita. ²⁵Ty longo i Gersona le tsy maintsy mikarakara ty trano-lay fifankahita ka anay zay ty tabernakely. Hikarakara ty trano-lay ndrozy, ty lambany, noho lamba fampiasa amy ty filira amy trano-lay fifankahita. ²⁶Tsy maintsy mikarakara ty lamba ty kianja ndrozy, ty lamba amy ty filira ty kianja --- ty kianja ze mihodidy ty fitoera masy noho ty alitara. Engaho hikarakara ty taly ty trano-lay fifankahita rey noho ze kila raha aminy ao ndrozy. ²⁷baka amy Kohata ty longo mare rey: longo i Amramita, ty longo i Izarita, ty longo i Hebronita, sady ty longo i Ozielita. Any Kohatita rey ty longo mare rey. *600 ²⁸lahilahy vola raiky noho mandilatsy ro fa nihisafy mba hikarakara ty hanagna Yaveh. ²⁹Ty longo ty tariha i Kohata le tsy maintsy mivory mbatimo ty tabernakely. ³⁰Elifaza anakilah'i Oziela ro tsy maintsy hhitariky ty longo ty Kohatita rey. ³¹Ndrozy ro tsy maintsy hikarakara ty fiara, ty latabo, ty fipetraha ty jiro, alitara rey, ty raha masy ze ampiasa amy ty fanompoany, ty lamba, sady ze asa iaby mikasika zay. ³²Eleazara anakilah'i Arona mpisoro ro tsy maintsy hitariiky Levita rey. Tokony hiamby ty lahilahy ze mikarakara ty fitoera masy rey ie. ³³Longo mare baka amy merary: Ty longo i Malita noho ty longo i Mosita. Ty longo rey le baka amy Merary. ³⁴6.200 lahilahy vola raiky noho miakatsy ro fa nihisahy. ³⁵Zoriela anakilah'i Abihaila ro tsy maintsy hitariiky ty longo mare i Merary. Tsy maintsy mivory mbavaratsy ty tabernakely ndrozy. ³⁶Ty tariha i Merary le tokony hikarakara ty rafitsy ty tabernakely, Ty barany, ty tsangany, ty lelatombony, ty fitaova iaby, noho ze mahasiky rey. Anay zay ao ³⁷ty toha noho ty tsanga ty kianja ze mihodidy ty tabernakely, miaraky amy ty lelatombondrozy, fihantonandraha, noho ty taly. ³⁸Mosesy noho i Arona sady ty anakilahindrozy le tsy maintsy hivory mbantinana ty tabernakely, aloha ty trano-lay fifankahita, tandrify ty fiposaha ty mahasoandro. Ndrozy ro tompon'andraikitsy amy ty fanatanterahaadidy rey amy ty fitoera masy noho adidy amy olo tiahy Israely. Ndra ia ndra ia olo hafa firenena mamonjy ty fitoera masy le tsy maintsy ho maty. ³⁹Mosesy noho i Arona nanisa ty lahilahy iaby tamy ty longo i levy ze vola raiky noho mandilatsy, araky ty nandidia Yaveh. Roaly sy roarivo ty isandrozy. ⁴⁰Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Hisao ty velohan-teraky ty olo ahy Israely iaby ze vola raiky ro noho mandilatsy. Rambeso ty anarandrozy. ⁴¹Tokony halanao ho Tiahy Levita rey--- Zaho Yaveh--- ho solo ty velohan-teraky ty biby fihary ty tariha Israely." ⁴²Nihisa i Mosesy ty velohan-teraky ty olon'Israely iaby araky ze fa nandidi Yavehazy hanovy. ⁴³Nanisaky ty talanolo iaby araky ty anarany ie, vola raiky noho mandilatsy. Nahaisaky 22.273 lahilahy ie. ⁴⁴Nivola tamy Mosesy ndraiky Yaveh. Hozao tiasany: ⁴⁵"Alao Levita rey ho solo ty velohan-teraky amy ty olon'Israely. sady alao ty biby fihary Levita rey ho solo ty biby fihary ty olo. Tiahy Levita rey---Zaho ro Yaveh. ⁴⁶Mamoria sekely limy ho ahy ty fanavota saky ty olo amy ty velohan-terak'Israely ze mandilatsy ty hisaky ty Levita. ⁴⁷Ampiasao araky ty sahaza ty lanjanao ty sekely ty fitoera masy. Gera roapolo ty sekely. ⁴⁸Hameanao ahy Arona noho ty anakilahiny ty

fly ty fanavota ze naloanao." ⁴⁹Le namory ty fly ty fanavota baka amy ty mandilatsy isa tamy navota i Levita rey i Mosesy. ⁵⁰Namory ty drala baka amy ty velohan-teraky ty olon'Israely i Mosesy. Namosy sekely 1.365 ie, nolanja tamy ty sekely ty fitoera masy. ⁵¹Namea i Mosesy an'i Arona noho anakilahiny ty dralam-panavota. Nanovy i Mosesy ty raha ze nivola Yaveh hanoviny, araky ty fa nandidia Yaveh azy.

Chapter 4

¹Niresaky tamy Mosesy noho i Arona Yaveh. Hozao tiasany: ²"Manaova fanisa lahilahy tariha i Kehata rey amy levita rey, araky ty fokoandrozy noho ty raza ty valy aminanandrozy. ³Hisao ty lahilahy iaby ze telopolo zisiky amy ty dimampolo tao. lahilahy rey le tsy maintsy manampy filahara ty fokoa mba hanompo amy trano-lay fifankahita ao. ⁴Ty tariha i Kehata rey le tsy maintsy mikarakara ty raha masy mihintsy natoka ho Tiahy amy trano-lay fifankahita ao. ⁵Lafa mihentsy hifalo toera ty toby, le tsy maintsy militsy amy lay i Arona noho ty anakilahiny ao, hampijotso ty lamba fandongofa ze mampisaraky ty fitoera masy sady mandomboky ty fiara ty vavolombelo miarakay amizay. ⁶Tsy maintsy mandomboky azy fiara amy ty hoditsy ty takasy ndrozy. Tsy maintsy mamelatsy lamba bleu anabon'zay ndrozy. Tsy maintsy apitiny bao rey nba hitarazoa zay. ⁷Tsy maintsy mamelatsy lamba bleu anabo ty latabo ty mofo ty fifankahitandrozy. Ndrozy le tsy maintsy manenga ty finga, sotro rey, finga jobo rey, sady siho fandrarahe anabonizay. Tsy maintsy misy mofo avao anabo ty latabo. ⁸Tsy maintsy longofandrozy amy ty lamba jaky noho amy ty holitsy takasy rey. Tsy maintsy engandrozy bao rey mba hitarazoa ty latabo. ⁹Tsy maintsy mangalaky lamba bleu ndrozy sady mandomboky ty fipetraha ty jiro, miarakay amy ty torsa zay, sizo rey, fanisia lavenoky rey, sady ty fipetraha ty soliky iaby hoahy ty torsa rey. ¹⁰Tsy maintsy apitindrozy anay ty fandongofa eo vita baka amy holitsy takasy ty fanamboara jiro noho ty fitaova iaby miarakay amindrozy anabo ty rafitsy fitarazoa eo zay. ¹¹Tsy maintsy mamelatsy lamba bleu anabo ty alitara volamena ndrozy. Tsy maintsy mandomboky zay amy ty fandongofa vita baka amy holitsy takasy ndrozy, sady bakeo manapitiky bao fitarazoa rey. ¹²Tsy maintsy mangalaky fitaova fiasa iaby rey amy ty toera masy any ndrozy sady mandomboky zay anay ty lamba bleu. Tsy maintsy mandomboky anizay amy holi-takasy ndrozy sady manenga ty fitaovam-piasa amy ty rafitsy ty fitarazoa eo. ¹³Tsy maintsy mangalaky lavenoky amy alitara ndrozy sady mamelatsy lamba violet amy alitara eo. ¹⁴Tsy maintsy engandrozy ty rafitsy fitarazoa ty fitaovam-piasa iaby ze ampiasandrozy amy ty asa ty alitara. Fitaova rey le fanandesana afo, fitreby, lapeny, finga famafaza, sady fitaovam-piasa hafa iaby hoahy ty alitara. Tsy maintsy mandomboky ty alitara amy holi-takasy ndrozy le bakeo mamitiky bao fitarazoa rey. ¹⁵Lava baka mandomboky ty fitoera masy iaby noho ty fitaovam-piasa iaby niarakay tamy zay i Arona noho ty anakilahiny, sady lafa nifalo toera ty toby, le tsy maintsy mamonjy mba hitarazo azy fitoera masy ty tariha i Kehata rey, le tsy maintsy maty. Zao ty asa ty tariha i Kehata rey, le mitarazo ty enta amy trano-lay fifankahita. ¹⁶Eleazara anakilah'i Arona mpisoro ro mmiambany ty fikarakara ty soliky ho amy ty torsa, ditinkazo manitsy, ty fanesany voa mahazatsy, sady ty soliky fanosora. Miamby ty fikarakara ty tabernakely iaby noho ze kila raha anay zay, le azy fitoera masy noho ty fitaovam-piasa lafa miarakay amizay. ¹⁷Niresaky tamy Mosesy noho i Arona Yaveh. Hozao tiasany: ¹⁸"Ka enga hala amy Levita rey ty fokoa ty longo i kehatita. ¹⁹Embeno ndrozy mba ho velo fa tsy ho maty, amy ty alala ty fanaova zao. lafa mamonjy ty masy mare ndrozy ²⁰le tsy tokony hihilitsy mba hanenty ty fitoera masy ndra foktoa kely aza, tsy ho maty ndrozy. Arona noho ty anakilahiny ro tsy maintsy militsy ao, sady bakeo Arona noho ty anakilahiny le tsy maintsy mitondro ty kiraikiraiky amy Kehatita rey amy ty asany iaby, amy ty asany manoka. ²¹Niresaky tamy Mosesy ndraiky Yaveh. Hozao tiasany: ²²"Isao avao koa ty tariha i Gersona, araky ty valy aminanaky ty razandrozy, araky ty fokoandrozy. ²³Isao ze telopolo le zisiky dimampolo tao rey. Isaho ze hanampy ty filahara iaby ty fokoa mba hanompo amy trano-lay fifankahita. ²⁴Zao ty asa ty fokoa gersonita rey lafa manompo ndrozy sady manday enta. ²⁵Tsy maintsy manday lamba fandongofa ty tabernakely, ty trano-lay fifankahita, ty fandongofa zay, ty fandongofa vita baka amy holi-takasy ze amizay eo, sady lamba fandongofa rey ty filira amy trano-lay fifankahita ndrozy. ²⁶Tsy maintsy manday lamba fandongofa ty fitasara rey ndrozy, ty lamba fandongofa ty vavahady ty fitsara, ze anita ty tabernakely noho anila ty alitara, ty talindrozy, sadt ty fitaova iaby ho tiahy fanompoandrozy. Ze tokony ho vita amy raha rey, le tsy maintsy anovindrozy. ²⁷Arona noho ty anakilahiny le tsy maintsy mandoro ty asa ty tariha i Gersonita rey iaby, amy ze andesindrozy iaby, sady amy ty fanompoandrozy iaby. Tsy maintsy tondronareo amy ty asa iaby ie. ²⁸Zay ty fanompoa ty fokoa tariha i Gersonita ho tiahy trano-lay fifankahita. Itamara anakilah'i Arona mpisoro le tsy maintsy mitariky androzy amy ty fanompoany. ²⁹Tsy maintsy manisa ty tariha i Merary araky ty fokoandrozy nareo, sady mampilahatsy androzy araky ty valy aminanaky ty razandrozy, ³⁰manomboky amy ty telopolo tao noho mandilatsy le zisiky amy dimampolo tao. Isao iaby ze ndrozy handeha hanampy lahara ty fokoa noho hanompo amy trano-lay fifankahita. ³¹Zao ty andraikitsindrozy noho ty asandrozy amy ty fanompoan-drozy iaby ho amy trano-lay fifankahita. Tsy maintsy mikarakara ty enta ty tabernakely, ty hili'izay, toha rey, sady tombony rey, ³²miarakay amy ty toha ty fitsara mihididy ty tabernakely, ty tombony rey, tsatokiny rey, sady taliny rey, miarakay amy ty fitaovany rey iaby rey drozy. Sorato araky ty anara enta rey ze tsy maintsy entandrozy. ³³Zao ro asa ty fokoa ty tariha i Merary, ze anovindrozy ho aan-trano lay-fifankahita, eo ambany ty fitariha Itamara anakilahy i Arona mpisoro. ³⁴Mosesy noho Aroa sady mpitariky ty fivodrona ro anisaky ty tariha i Kehatita araky ty fokoa ty razandrozy. ³⁵Nisandrozy

mmitoka ty telopolo le zisiky dimampolo tao ndrozy. Nanisa ty hanampy filahara iaby ty antoko mba hanompo amy trao-lay fifankahita ndrozy.³⁶ 2.750 ro olo nohisandrozy araky ty fokoany.³⁷ Nihisa i Mosesy noho Arona ty olo iaby tamy fokoa noho ty longo i Kehatita ze nanompo amy trano-lay fifankahita. Tamy fanaova zay, le nanoriky ze nandidia Yaveh ho anovindrozy tamuny alala i Mosesy ndrozy.³⁹ Azy tariha i Gersona rey le nihisahy tamy ty fokoandrozy, araky ty valy aminanany,³⁸ manomboky amy telopolo l zisiky dimampolo tao, ze nilitsy tamy antoko iaby mba hanompo amy trano-lay fifankahita.⁴⁰ Ty olo iaby, le nihisahy araky ty fokoandrozy noho ty valy aminanaky ty razandrozy iabby, 2.630 isa.⁴¹ Nihisa i Mosesy noho Arona ty foko a tariha i Gersona ze hanompo amy trano-lay fifankahita ao. Tamy fanaova zay, le nanoriky ze nodidia Yaveh ho anovondrozy amy alala i Mosesy ndrozy.⁴² Azy tariha i Merary rey le nihisahy tamy fokoandrozy araky ty valy aminanaky ty razandrozy,⁴³ manomboky telopolo le zisiky amy ty dimampolo tao, ze nilitsy tamy antoko iaby mba hanompo amy trano-lay fifankahita ao.⁴⁴ Ty olo iaby, le nihisahy araky ty fokoandrozy noho ty valy aminanaky ty razandrozy iaby, 3.200 isa.⁴⁵ Nanisa olo iaby rey i Mosesy noho i Arona, le tariha i Merary rey. Tamy fananova zay le nanoriky ze nandidia yaveh ho anovindrozy tamy alala i Mosesy ndrozy.⁴⁶ Le nanisa ty Levita iaby araky ty fokoandrozy tamy ty valy aminanaky ty razany⁴⁷ manomboky tamy ty telopolo le zisiky dimampolo tao i Mmosesy, Arona, sady mpitariky Israely rey. Nihisandrozy ze hiasa iaby amy tabernakely, noho ze handay sady hikarakara enta amy trano-lay fifankahita ao.⁴⁸ Olo 8.580 ro voahisandrozy.⁴⁹ Araky ty didy Yaveh, le nanisa olo kiraikiraiky i Mmosesy, araky ty karazan'asa ze nitondroa azy iaby. Nanisa ty olo kiraikiraiky araky ty karaza ty aasa nanoviny iaby ie. tamy fanamboara zay, le nanoriky ze nandidia Yaveh ho anovindrozy tamy alala i Mosesy ndrozy.

Chapter 5

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh. Hozao tiasany: ²"Fefero ty olon'Israely mba handroaky ty misy aretin-kolitsy iaby hiala amy toby ao, sady ze misy ratsy maiky, sady ze maloto tamy fitoloma faty iaby. ³Ndra lahilahy ndra ampela, le ampandinanao hiala amy ty toby ndrozy. Tokony tsy handoto ty toby ndrozy, safe ao Zaho ro mipetraky." ⁴Le nanao zay ty olon'Israely. Le nampandinandrozy hiala amy toby tao ndrozy, araky ty nandidi Yaveh an'i Mosesy. Le nanoriky ty Yaveh ty olon'Israely. ⁵Niresaky tamy Mosesy ndraiky yaveh. Hozao tiasany: ⁶"Miresaha amy ty olon'Israely. Lafa manao fahota ty lahilahy ndra ampela manahaky ty raha ifanaovan'olo zay. ⁷Sady tsy maintsy manenky ty fahotany ze fa nivitany ie. Tsy maintsy honera iaby ty vily ty fahadisoany sady hanovo zay indimy amy ty viliny. Tsy maintsy hanome zay amy ty raiky ze nanaovany hadisoa. ⁸Fa laha tsy mana longo marikitsy mba handramby ty fanavaha azy niazondraha iny, le tsy maintsy honerany amiko amy alala ty mpisoro ty vily ty helokiny, miaraky amy aondry raiky ho fanavota ty vatany. ⁹Ty fanesy ty olon'Israely iaby, azy raha ze natoka noho nandesiny tamy ty mpisoro baka amy olon'Israely, le ho tiazy iaby. ¹⁰Ty fanesy ty olo iaby rey le hoahy ty mpisoro; laha misy manome raha hoahy ty mpisoro, le ho tiazy zay."¹¹Le niresaky tamy Mosesy ndraiky yaveh. Hozao tiasany: ¹²"Miresaha amy ty olon'Isarely. Volano hozao ndrozy: 'Rambeso hoe mivaliky ty valindralahilahy sady manota amy ty valiny.¹³Sady rambeso hoe misy lahilahy hafa miaraky mandry aminy. Amizay , le voaloto ie. Ndra tsy hita ty valiny aza zay ndra hainy ty momba zay, sady ndra tsy misy ndra raiky aza mahatratsy azy ampanaova zay sady tsy misy ndra aiky aza hitsanga ho vavolombelo hanasara azy, ¹⁴ndra zay aza, ty fanahy farahy le mampahafantatry baka amy lahilahy fa voaloto ty valiny. Fe, ty fanahy farahy le hoavy havandy amy azy lahilahy iny lafa tsy voaloto ty valiny.¹⁵Amy ty raha manahaky zay, azy lahilahy iny le tokony handay ty valiny ho mbamy mpisoro any. Tsy maintsy manday fanday hinomy ho tiazy ty valiny. Tsy maintsy handay koba vary ampahafolo ty efaha ie. Tsy mahazo mandraraky soliky na dintin-kazo manitsy amizay ie safe fanday valy ty farahy zay, fanday ho hany ho famantara ty mety ho fisia ty fahota.¹⁶Engao handay azy mariniky sady hanenga azy anatreha Yaveh eo ty mpisoro. ¹⁷Engaho hangalaky amorro ty rano voahasy sady lemboky baka amy ty taniny taberina kely ty mpisoro. Engaho hanisy lemboky anay ty rano ie.¹⁸Henga ty mpisoro anatrehan-Dranahary eo azy ampela iny sady hafaha ty volo azy andohan'ampela iny eo. Hengany amy tany ty fandainy voa ho fahatiarova, ze fanday voa ty fisalasala. Hitandraky mare ty rano mafaitsy ze mety handay hakeo amy ty tana ty mpisoro. ¹⁹Hanenga azy ampela iny ambany ty fiaina ty mpisoro sady hivola manao hozao: "Laha mbo tsy nisy lahilahy hafa nandry taminao, sady laha tsy niriorio noho nanao fahadisoa, le afaky amy rano mafaitsy ze mety handay hakeo toy.²⁰Fa laha iha, azy ampela voafatotsy ty valiny, ro fa niriorio, sady laha voaloto iha, sady laha misy lahilahy hafa niaraky nandry taminao, ²¹le, (tsy maintsy ty mpisoro ro mampifanta ze afaky manday ty hakeo amy azy ampela iny,sady le tsy maintsy hanohy ty resaky amy azy ampela iny ie) 'Yaveh hanao anao anay ty hakeo zer hatoro amy olonao hanahakizay. Laha niseho izay laha nanov'Yaveh mihalo ty fenao sady mivonto ty sarotronao. ²²Rano ze manday hakeo atoy le hilitry amy ty vavoninao sady hampibongo ty sarotronao sady haharary fenao rey. ' Sady engaho hamaly hozao ampela iny: " Eka, engaho hiseho zay laha diso zaho."²³Engaho hanoratsy hakeo retia amy ty taratasy ty mpisoro, sady engaho ho viliny amy ty rano mafaitsy hakeo nisorata rey. ²⁴Engaho hampino t rano mafaitsy amy ze manday hakeo hoa ahy ampela ty mpisoro. Azy rano nanday hakeo iny le hilitry aminy ao sady handrary mafaitsy. Engaho hangalaky fanday voa farahy amy ty tanan'ampela ie. ²⁵Engaho hitandraky ty fanday anatreha'Yaveh eo sady handay anizay amy alitara eo ie. ²⁶Tokony hangalaky fanday voa tana raiky ho fanday fatoro ty mpisoro, sady handrehitry anizay amy alitara eo. Le engaho ameny an'ampela iny ty rano le vatany mafaitsy mba hinoma²⁷Lafa amea azy ty rano hinoma, laha nolotoa safe fa nanota tamy ty valiny ie, le nilitsy tamy ty rano ze nanday ty hakeo sady nanjary nafaitsy. Hivonto ty tsarotsiny sady haharay ty feny. Ho voakeo amy ty olo eo azy ampela. ²⁸Fe laha tsy voaloto koa ampela iny sady laha malio ie, le tsy maintsy ho afaha. Sady afaky hana anaky ie.²⁹Zay ro lala ty farahy. Zay ty lala ty ampela ze mandranto amy ty valiny sady voaloto. ³⁰Zay ty lala hoahy ty lahilahy mana ty fanahy ty farahy lafa amy ty valiny ie. Engaho ie handay ty ampelany anatreha Yaveh, sady engaho ty mpisoro hanao ze iaby nofarita ty lala ty faharahy io.³¹sady le ho afaky amy fanasazia ty amy ty fanandesia ty valiny tamy mpisoro ty lahilahy. Engaho hanaday ty hadisoa ze mety hananay azy ampela iny."

Chapter 6

¹Nivola tamy Mosesy yaveh. Hozao tiasany: ²"Mivolana amy ty olon'Israely. Volano hozao ndrozy: 'laha misy laha misy lahilahy ndra ampela manoka ty vatany hoahy Yaveh amy ty voady manoka ty Nazirita, ³le tokony hifaly divay ndra ty raha finomy maery ie. sady tokony tsy hino vinegra nanovy amy diavay ndra tamy ty raha finomy marery ie. Tokony tsy hino rano ty voaloboky ie ndra hina ty voaloboky soa ndra voaloboky maiky. ⁴Amy ty andro iaby ze hanokana azy ho tiahy, le engaho tsy hihina ndra io ndra ino ze vita baka amy ty voaloboky ie, anaizay ty kila raha iaby vita baka amy ty vihiny zisiky amy ty hliny. ⁵Zisiky amy ty fotoa ty voady fitokanany iaby, le tsy hisy hetny ndra lamy ampiasa amy ty lohany zisiky mahatampitsy ty andro ty fitokanany hoahy Yaveh. Tokony hatoka hoahy Yaveh ie. Engaho hengany ty volony ho hihalava amy ty lohany ie. ⁶Zisiky ty fotoa iaby ze hitokanany ahy yaveh, le tokony tsy hamonjy faty ie. ⁷Tokony tsy handoto ty vatany ie eka fa ndra hoahy ty babany, reniny, rahalahiny, nddra ty anabaviny aza, laha maty rey. Safe fa nitoka hoahin-Dranahary ie, ze hay ty olo amy ty halava ty volony. ⁸Zisiky amy ty fotoa fitokanany iaby le masy ie, voatoka hoahy Yaveh. ⁹Laha misy olo maty tampoky anilany eo le mandoto ty lohany voamasy, le engaho haratany ty lohany ie amy ty andro fanasa azy--- amy ty faha fito ty andro ro tsy maintsy hanaratany zay. ¹⁰Lafa amy ty fahavalo ty andro le engaho handay pizon roe ndra anaky pizeon roe hoahy ty mpisoro amy ty filira mbamy trano-lay fifankahita ie. ¹¹Engaho hanesy voro raiky ho fanday hoa hy ty fahota sady raiky hafa ho fanday horoa ty mpisoro. Ndrozy le hanonitsy azy safe nanota tamy ty naha eo azy mariniky ty faty azy ie. Tokony hanamasy ty lohany ndraiky ie amy andro zay. ¹²Tokony hanoka tena hoahy Yaveh zisiky amy ty andro ty fanamasina azy ie. Tokony handay anakaondry lahy tao raiky ho fanday noho ty fahadisoa ie. Ty andro aloha ty nandotoany ty vatany le tokony tsy hieritseritsy, safe lotoa ty fahamasinany. ¹³Zay ro lala mikasiky Nazarita lafa feno ty fotoa ty fitokanany. Tokony handesy amy ty filira mbatrano-lay fifankahita ie. ¹⁴Tokony hanesy fanday hoahy Yaveh ie. Tokony hanesy anak'aondry lahy tao raiky noho tsy misy mana-kandra ho fanday horoa ie. Tokony hanesy anakaondry tao raiky sady tsy manan-kandra ho fanday hoahy ty ota ie. Tokony handay aondry lahy tsy manan-kandra ho fandaim-pilongoa ie. ¹⁵Tokony hanaday mofo tsy nalo haly haro raiky, mofo vita baka amy ty kokam-bary nidisany soa miharo soliky, mofo matify ty tsy nilo haly najobony tamy soliky tao, miarakany amy ty fanday ho hany noho fanday ho hinoma avao koa ie. ¹⁶Engaho mpisoro rey hanesy anizay anatreha Yaveh. Tokony hanesy ty fandainy noho ty fahotany noho ty fanday oroany ie. ¹⁷Miaraky amy ty mofo tsy misy masirasira haro raiky, ro tokony haneseny ty aondry lahy ho soro, le fanadaim-pilongoa hoahy Yaveh. Tokony hanesy fanday ho hany noho ty fanday hinoma avao koa ty mpisoro. ¹⁸Tokony hanaratsy ty lohany azy Nazirita iny ho fampitroa ty fitokanany hoahy Ndranahary amy filirana mbamy trano-lay fifankahita. Tokony hangalaky ty volo amy ty lohany ie le nandatsaky zay anay ty afo ze ambany ty sorony ho fandaim-pilongoa. ¹⁹Tokony hangalaky ty soro ty aondry lahy mandevy, ila ty mofo tsy nalo haly amy ty raho, sady mofo matify tsy nalo haly raiky ty mpisoro. Tokony hametraky enta azy Nazerata rey ie lafa baka nanaratry ty lohany hatoro ty fitokanany ie. ²⁰Tokony hampizela ty fanday anatreha Yaveh mpisoro rey, anjara masy ty mpisoro, miaraka amy ty tratra ze nazelazelany noho ty feny ze naseseny ho ahy ty mpisoro. Afaranizay, le afaky mino divay azy Nazarita iny. ²¹Izay ro lala ho ahy Nazarita ze mivoady handay fanday ho ahy Yaveh amy fitokanany. Ndra ino ndra ino ameanany, le tokony halilo amy anjara voady nanoviny ie, mba hitandraky ty fampitamany nivolany lala hoahy Nazirita iny." ²²Nivola tamy Mosesy ndraiky Yaveh. Hozao tiasany: ²³"Mivolana amy Arona noho anakilahiny rey. Volano hozao: 'Tsipazo nareo rano amy fomba zao ty olon'Israely. Volaninao hozao ndrozy: " ²⁴Hitahy anao noho hiaro anao lahy Yaveh. ²⁵Hampipiriaky ty vatany aminao noho ho tsy hanahy amnao lahy Yaveh. ²⁶Hanenty anao amy fankasitraha noho hanome fiadana anao lahy Yaveh." ²⁷Amy fomba zay ro tsy maintsy rotsy maintsy ametrahandrozy ty anarako amy olon'Israely eo. Le hitahy androzy rey Zaho."

Chapter 7

¹Tamy ty andro nahavita i Mosesy ty tabernakaly, le nanao soro ie le natokany hoahy Yaveh, niaraky tamy ty enta iaby. nanoviny manahaky zay koa ty alitara noho ty enta iaby. Nanao soro ie le natokany hoahy Yaveh. ²Tamy andro zay le nanesy soro mpitariky Israely rey, noho ty mpitariky ty longo ty razany. Lahilahy rey ro nitariky ty fokoa. Ndrozy ro nanaramaso ty fanisa ty olo tamy ty fanisa olo. ³Nandesindrozy tanatreha Yaveh ty fanesindrozy. Nanday sarety milomboky eny noho aomby folo roe ambby ndrozy, sady nanday aomby raiky iaby ty mpitariky. Nanday sarety raiky saky ty mpitariky roe iaby ndrozy, sady ty mpitariky kiraikiraiky le samby nanday aomby raiky iaby. Nasesindrozy tanatreha ty tabernakely teo raha iaby rey. ⁴Le niresaky tamy MOsesy Yaveh. Hozao tiasany: ⁵"Enkeno ty fanesy baka amindrozy sady ampiasao ho amy ty asa amy trano-lay fihankahita. Omeo ahy Levita rey ty fanesy, le amy azy kiraikiraiky araky ty ilandrozy amy ty asany iaby." ⁶Nalan'i Mosesy sarety noho aomby rey, le nameany ahy Levita rey. ⁷Nanome sarety roe noho aomby efatsy ho tiahy tariha i Gersona ie, noho ty filandrozy amy ty asany. ⁸Nanome sarety efatsy noho aomby valo ho ahy ty tariha i Merary ie, ho amy ty fiantoha Itamara anak'i Arona mpisoro. Nanoviny zay amy ze nilandrozy. ⁹Fa tsy nanome ndra ino ndra ino tamy raha rey hoahy ty tariha i Kehata ie, safe ty ahindrozy le asa mifanaralky amy ty raha ze ahy Yaveh zay tarazoany an-tsorikiny eo. ¹⁰Nanesy fanomezana mpitariky rey mba ho fanokana ty alitara tamy ty andro ze nanosora i mozesy ty alitara. Nanesy ty sorony taloha ty alitara mpitariky rey. ¹¹Hozao tiasa Yaveh tamyu Mosesy: "Engaho hanesy ty sorony ty mpitariky kiraikiraiky amy ty androny ianby amy ty fanokana ty alitara." ¹²Tamy andro velohany, le i Nasona anaky Aminadaba, avy baka amy ty fokoa i Joda, ro nanesy ty sorony. ¹³Ty sorony le finga volafoty raiky milanja 130 noho finga jobo raiky milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty sekely ty toera masy. Raha rey le samby atsiky divay noho lafariny nilisany soa miharo menaky hanovy fanesy ho hany. ¹⁴Nanome finga volamena raiky milanja sekely folo sady atsiky ditin-kazo manitsy ie. ¹⁵Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anak'aondry lahy raiky tao raiky, ho fanesy horoa ie. ¹⁶Nanaome aomby lahy ho fanesy noho ty fahota ie. ¹⁷Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy limy ze samby tao raiky, ho soro nanovy fanesim-pilongoa ie. Zay ro soron'i nasona anak'i Amnadaba. ¹⁸Tamy ty faharoe ty andro, Natenela anak'i Zoara, mpitariky'Isakara, ro nanesy ty sorony. ¹⁹Nanesy finga volafoty milanja sekely 130 noho finga jobo milanja sekely fitopolo ie ho sorony, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty toera masy. Samby atsiky lafarine nilisany soa miharo menaky ho fanesy hohany raha rey. ²⁰Nanome finga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie. ²¹Nanome aomby raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky, ho fanatitsy oroa avao koa ie. ²²Nanome aomby lahy raiky ho fanesy ho ahy ty fahota ie. ²³Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro atao fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro ahy Netanela anaky Zora. ²⁴Tamy ty faha telo ty andro, Eliaba anaky Helona, mpitariky tariha i Zebolona rey, ro nanesy soro. ²⁵Finga ty sorony le finga volafoty raiky milanja seleky 130, sady finga jobo raiky milanja sekely fitopolo araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilidsany soa miharo menaky ho ahy ty fanesy ho hany raha rey. ²⁶Nanome finga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie. ²⁷Nanome aomby raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesy oroa ie. ²⁸Nanome aomby lahy raiky ho fanesy noho ty fahota ie. ²⁹Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy limy samby tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilomgoa ie. Zay ty soro ahy Eliaba anak'i Helona. ³⁰Tamy ty fahaefatsy ty andro, Elizora anak'i Sedeora, mpitariky ty tariha i Robena, ro nanesy ty sorony. ³¹Ty sorony le finga volafoty milanja sekely 130 noho finga jobo raiky milanja sekely fitopolo, araky tytakalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo menaky ho fanesy hohany raha rey. ³²Nanome finga volamena raiky milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie. ³³Nanome aomby raiky mota, aondry raiky, anakaondry lahy tao raiky ho fanesy oroa ie. ³⁴Nanome aomby lahy ho fanesy noho ty fahota ie. ³⁵Nanome aomby roe, aondry limy, osilahy limy, sady anakaondry lahy limy ze taoraiiky ho soro ho ahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Elizora anak'i Sedora. ³⁶Tamy ty faha limy ty andro, Selomiela anak'i Zorisaday, mpitariky ty tariha i Simeona, ro nanesy ty sorony. ³⁷Ty sorony le finga volafoty milanja sekely 130 noho finga jobo milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atriiky lafariny nilisany soa miharo menaky ho fanesy ho hany raha rey. ³⁸Nanome finga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie. ³⁹Nanome aomby mota raiky, aondry raiky, sady anakaondry tao raiky ho fanesy oroa ie. ⁴⁰Nanome aomby lahy raiky ho fanesy noho ty fahota ie. ⁴¹Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro ho ahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Selomiela anak'i Zorisaday. ⁴²Tamy faha eny ty andro, Eliesafa anak'i Doela, mpitariky ty tariha i Gada ro naesy ty sorony. ⁴³Ty sorony le finga volafoty raiky milanja 130 noho finga jobo raiky milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoere masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo menaky ho fanesy ho hany raha rey. ⁴⁴Nanome finga volamena raiky milanja sekely

folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁴⁵ Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany horoa ie.⁴⁶ Nanome aomby lahy raiky ho fanesany hoahy ty fahota ie.⁴⁷ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ro soro ahy Eliasafa anak'i Doela.⁴⁸ Tamy ty faha fito ty andro, Elisama anak'i Amihoda, mpitariky ty tariha i Efraima, ro nanesy sorony.⁴⁹ Ty sorony le fanga volafoty sekely milanja 130 noho fanga jobo raiky milanja sekely fitopolo, araky takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo menaky ho fanesany ho hany raha rey.⁵⁰ Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁵¹ Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany oroa ie.⁵² Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁵³ Nanome aomby lahy roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Elisama anak'i Amihoda.⁵⁴ Tamy fahavalo ty andro, Gamaliela anak'i Pedazora, mpitariky ty tariha i Manase, ro nanesy ty sorony le.⁵⁵ Ty sorony le fanga volafoty milanja sekely 130 noho fanga jobo milanja sekely fitopolo araky takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo soliky ho fanesany ho hany raha rey.⁵⁶ Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁵⁷ Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany horoa ie.⁵⁸ Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁵⁹ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Gamaelila anak'i Pedazora.⁶⁰ Tamy andro fahasivy, Abidana anka'i Gideon, mpitariky ty tariha i Benjamina, ro nanesy ty sorony.⁶¹ Ty sorony le fanga volafoty milanja sekely 130 noho fanga jobo milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo soliky ho fanesany ho hany raha rey.⁶² Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁶³ Nanome aomby lahy raiky moata, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany oroa ie.⁶⁴ Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁶⁵ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy ze tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Abidana anak'i Gideon.⁶⁶ Tamy ty fahafolo ty andro, Ahiezara anak'i Amisaday, mpitariky ty tariha i Dana ro nanesy ty sorony.⁶⁷ Ty sorony le fanga volafoty milanja sekely 130 noho fanga jobo milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atsiky lafariny nilisany soa miharo soliky ho fanesany ho hany raha rey.⁶⁸ Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁶⁹ Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany oroa ie.⁷⁰ Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁷¹ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Ahiezera anak'i Amisaday.⁷² Tamy ty andro faha folo raiky amby, Pagiela anak'i Okrana, mpitariky ty tariha i Asera, ro nanesy ty sorony.⁷³ Ty sorony le fanga volafoty milanja sekely 130 noho fanga jobo milanja sekely fitopolo, araky ty takalo lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atrisky lafariny nilisany soa miharo soliky ho fanesany ho hany raha rey.⁷⁴ Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁷⁵ Nanome aomby lahy raiky moata, aondry raiky, sady anak'aondry lahy tapo raiky ho fanesany ho roa ie.⁷⁶ Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁷⁷ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anakaondry lahy ze tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ty soro i Pagiela anak'i Okrana.⁷⁸ Tamy andro faha folo roe amby, Ahira anak'i Enana, mpitariky ty tariha i Naftaly, ro nanesy ty sorony.⁷⁹ Ty sorony le fanga volafoty milanja sekely 130 noho fanga jobo milanja sekely fitopolo, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Samby atriky lafariny nilisany soa miharo soliky ho fanesany ho hany raha rey.⁸⁰ Nanome fanga volamena milanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy avao koa ie.⁸¹ Nanome aomby lahy raiky mota, aondry raiky, sady anakaondry lahy tao raiky ho fanesany horoa ie.⁸² Nanome aomby lahy raiky ho fanesany noho ty fahota ie.⁸³ Nanome aomby roe, aondry limy, aomby lahy limy, sady anak'aondry lahy ze tao raiky, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa ie. Zay ro soro i Ahira anak'i Enana.⁸⁴ Natoka ty mpitariky Israely tamy ty andro nanova i Mosesy soro ty alitara raha rey. Natokandrozy ty fanga volafoty folo roa amby, ty fanga jobo rey folo roe amby, sady fanga volamena rey folo roe amby.⁸⁵ Ty fanga volafoty kiraikiraiky le samby nilanja sekely 130 iaby ty fanga jobo le nilanja sekely fitopolo iaby. Enta volafoty iaby le nilanja sekely 2.400, araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy.⁸⁶ Ty kiraikiraiky amy ty fanga volamena folo roa amby, atriky ditin-kazo manitsy, le nilanja sekely folo, atsiky ditin-kazo manitsy, le nilanja sekely folo araky ty takalo ty lanja ty sekely ty fitoera masy. Ty fanga volamena iaby le nilanja sekely 120.⁸⁷ Natokandrozy iaby ty biby ho fanesany oroa, le aomby lahy folo roa amby, aondry folo roa amby, sady anak'aondry lahy tao raiky folo roa amby. Nameandrozy ho fanesany ho hany. Nanome aomby lahy folo roa amby ho fanesany noho ty fahota ndrozy.⁸⁸ Nanome aomby lahy roapolo efatsy amby, aondry enimpolo, aomby lahy enimpolo, sady anak'aondry lahy tao raiky enimpolo baka tamy ty bibiy fiharindrozy, ho soro hoahy ty fanesim-pilongoa. Zay le ho fanokana ty alitara tafara ty nanosora azy.⁸⁹ Lafa nilitsy tamy trano-lay fivoriana tao mba hiresaky aamy Yaveh i Mosesy, le nahare ty feo ty nivola taminy ie. Nivola taminy baka anabo lombo ty fanavota tamy ty fiara ty vavolombelo teo, baka tanelanela i Kerobima roe Yaveh. Niresaky taminy ie.

Chapter 8

¹Niresaky tamy mosesy Yaveh. Hoasany: ²"Miresaha amy i Arona. Volano aminy hozao; 'Tokony hanome hazava aloha ty fipetraha ty jiro eo jiro fito rey lafa mampirehity rey iha.'" ³Nanao zay Arona. Nampirehity jiro tamy fipetraha ty jiro ie mba hanome hazava alohanizay eo, araky ty fa nandidian'Yaveh an'i Mosesy. ⁴Tamy fomba zay ro nananova ty fipetraha ty jiro sady Yaveh ro mampito an'i Mosesy ty lamba amizay. Zay le volamena namboary baka ampotony le zisiky amy ty anabo, niharo tamy vazy voasa manahaky ty folera. ⁵Niresaky tamy Mosesy ndraiky Yaveh. Hoasany: ⁶"Alao baka amy oln'Israely ty Levita le sasao ndrozy. ⁷Anovo amindrozy ze mba hanasa androzy: Afafazo amindrozy ty rano ty fanafaha, volano hanaratsy ty vatany iaby . hanasa ty salotsiny ndrozy, sady amy fomba zay ro hanasa ty vatandrozy. ⁸Le ampangalao vatotsy aomby lahy noho fanesy voa miarakany amy ty koba nilisany soa miaharo menaky ndrpy. Engaho ndrozy hanagalaky avtotsiaomby lahy raiky hafa ho fanesy noho ty hadisoa. ⁹Handay ty Levita aloha ty trano fivoria eo noho hamory ty vondro ty olon'Israely iaby iha. ¹⁰Lafa manday levita rey alohan'Yaveh eo iha , le tsy maintsy mametraky ty tanany amy Levita eo ty olon'Israely. ¹¹Tsy maintsy asesin'i Arona miatriky an'Yaveh eo levita rey, manahaky ty fanesy azelazela baka amy ty olon'Israely mba ahafahandrozy manao fanompoa an'Yaveh. ¹²Tsy maintsy enga Levita rey amy loha ty aomby eo ty tanany. Tsy maintsy manesy aomby raiky ho gnany fanesy noho ty fahadisoa sady aomby hafa ho gnany fanatitsy oroa to tiAhy iha, mba hanamboara ho tiahy Levita rey. ¹³Atoro alohan'i Arona eo noho aloha ty anakilahiny eo Levita rey sady asondroto ho fanesy azelazela ho tiAhy. ¹⁴Amy fomba io ro tsy maintsy hanasaranao Levita rey amy ty olon'Israely. Ho tiAhy levita reo. ¹⁵Manarakany zay, tsy maintsy mandeha manompo antrano-lay fivoria Levita rey. Tsy maintsy manasa azy iha. Tsy maintsy asesinao manahaky ty fanesy azelazela ndrozy. ¹⁶Anovo zay, safe ndrozy le vatany ahy ze avy amy ty olon'Israely. Handramby ty toera naja lahilahy kiraikiraiky iaby ze hateraky velohanany ndrozy, le ty talanolo tariha Israely iaby. Fa nangalaky Levita rey ho gnany vatako Zaho. ¹⁷Gnany ty talanolo baka amy ty olon'Israely iaby mbamy ty olo noho ty biby. Tamy ty andro ze nangalako ty ay ty talanolo iaby ta Egypta, le nanoka androzy rey ho tiAhy Zaho. ¹⁸Fa nangalaky Levita rey baka amy ty olon'Israely ho solo ty talan'olo iaby Zaho. ¹⁹Fa nanome levita rey ho fanomeza ho tiahy Arona noho anakilahiny rey Zaho. fa nangalaky androzy baka amy ty olon'Israely mba hanao ty asan'olon'Israely amy trano-lay fivoria Zaho. Fa nanome androzy ho fanavota ho Tiahy olon'Israely Zaho mba tsy hisy arety mandriga hahazo ty olo laha vo marikitsy ty toera masy ndrozy." ²⁰Mosesy, Arona, sady ty vondro ty olon'Israely iaby nanao zay tamy Levita. Nanatanteraky ty kila raha iaby nandidian'Yaveh an'i Mosesy ty amy Levita ndrozy. Nanao zay niarakany tamindrozy ty olon'Israely. ²¹Nandio ty vatany noho nanasa ty saliny Levita rey, sady Arona nanesy androzy ho fanesy azelazela ho gnany Yaveh noho nanao fanavota ho androzy mba hanasa androzy. ²²Manarak'zay, nandeha nanao fanompoa tamy trano-lay fivoria taloha i Arona noho ty anakalahin'Arona Levita rey. Manahaky zay ty nandidian'Yaveh an'i Mosesy mikasiky Levita rey. Zay ty fomba nanandesany Levita iaby rey. ²³Niresaky tamy Mosesy ndraiky Yaveh. HoasaNy: ²⁴"Raha iaby zao le ho gnany Levita ze roapolo limby amby tao noho mandilatsy. Tsy maintsy miarakany amy ty mpanompo amy trano-lay fivoria ndrozy. ²⁵Tsy maintsy mieny amy ty fanommpo amy zay fomba zay ndrozy lafa feno dimampolo tao. Amy tao zay le tsy mahazo miasa sasy ndrozy. ²⁶Afaky manampy ty rahalahiny ze manohy ty asa amy trano-lay fivoria ao ndrozy, fe tsy afaky miasa sasy. tsy maintsy mitariky Levita rey amy ty raharaha iaby rey nareo."

Chapter 9

¹Le nivola tamy Mosesy Yaveh tanetsy Sinay, tamy veloha ty vola tamy faharoa ty tao tafara ty niboahandrozy ty tany Egypta. HoasaNy: ²"Engaho ty olon'Israely hidary ty Paska amy ty fotoa raiky amy ty tao. ³Amy ty hariva ty andro faha folo efatsy amby amy vola toy, ro tsy maintsy hitandremanao ty Paska amy ty fotoa raiky amy ty tao. Hidary zay iha, oriho ty didy noho ty fitsipiky iaby, le enkeno ty didy iaby ze mifanaraky amizay." ⁴Le nivola tamy olon'Israely i Mosesy fa tokony hidary fifalia ty paska ndrozy. ⁵Le nidary ty Paska tamy veloha ty vola ndrozy, tamy faha folo efatsy amby ty andro ty vola, tamy hariva, tanefitsy Sinay tany. Nanoriky ty kila raha iaby ze nandidian'Yaveh nanovyi Mosesy ty olon'Israely. ⁶Le nisy olo ilany naloto tamy faty ty olo raiky. Tsy afaky nidary ty Paska tamy andro zay ndrozy. Le nagnato an'i Mosesy noho Arona ndrozy tamy andro zay. ⁷Hoasan'olo rey tamy Mosesy: "Maloto noho ty fatin'olo zahay. Manino ro tsy enganao tsy hanesy soro ho tiahy Yaveh amy fotoa raiky amy ty tao amy olon'Israely eo zahay?" ⁸Hoasa i Mosesy tamindrozy: "Linaso tse zaho hijanjy ze hivola Yaveh ty aminareo." ⁹Nivola tamy Mosesy Yaveh. Hoasany: ¹⁰"Mivolana amy olon'Israely. Volano hozao, 'Laha misy maloto aminareo eondra ty tarihanareo noho ty fatiolo, ndra aminy ty lia lavitsy, le tsy afaky midary ty Paska ho tiahy Yaveh ndrozy." ¹¹Engaho hidary ty Paska amy ty hariva ty andro faha folo efatsy amby amy ty vola faharoa ndrozy. Mofo tsy misy masirasira noho traka mafaity ro tsy maintsy hinanany anizay. ¹²Tsy tokony hengandrozy zisiky maray zay, ndra hanapaky ty taolany. Tokony hanoriky ty didy noho ty fitsipiky iaby amy ty Paska ndrozy. ¹³Fa ty olo ze malio noho tsy nanitsaky lavitsy, fe midray ty Paska, zay olo zay le horava tsy ho amy olo safe tsy nanesy fanesy ze nitakia Yaveh amy ty fotoa raiky amy ty tao ie. Olo zay le nanday ty hadisoany. ¹⁴Laha misy vahiny mipetraky aminao eo sady midary ty Paska ho voninahitsy Yaveh, engaho ie hidary zay noho hanao ty didiny iaby, sady hanoriky ty fotoa Paska, sady manenky ty lala amizay. Tokony hana lala mifanahaky ho tiahy vahiny noho ty ze fa teraky iaby tao amy tany zay iha." ¹⁵Tamy ty andro nametraha ty tabernakely, ty raho nandomboky ty tabernakely, ay lay lala ty Fanenkea. Tamy haly ty raho le tanabo tabernakely. niseho manahaky ty afo zisiky maray zay. ¹⁶Nitohy manahaky zay avao zay. Nandomboky tabernakely ty raho le niseho manahaky ty afo lafa haly. ¹⁷Ndra ombia ndra ombia ty raho ro nampiankary avy baka amy ty lay, le niongaky tamy ty liany ty olon'Israely. Ndra taia ndra taia ro nienena ty rahho, le nivory teo ty olon'Israely. ¹⁸Araky ty diin'Yaveh, ty olon'Israely le nandeha, le tamy ty didiny, ro nivoriandrozy. Laha miegny anabo ty tabernakely ty raho, le niegny tamy fivoriany tany ndrozy. ¹⁹Lafa nipetraky andro lako tamy tabernakely ty raho, le nanoriky ty toro-hevitsy Yaveh ndrozy sady tsy nandeha. ²⁰Kindraikindraiky ty raho le mipetraky andro kelikely tamy tabernakely teo. Tamy ty raha niseho zay, le nnonoriky ty safa Yaveh ndrozy---nivory sady nanohy ty liany ndraiky tamy ty didiny. ²¹Kindraikindraiky ty raho le niegny nivory liany nankaly le zisiky maray. Laha miakatsy ty maray ty raho, le nandeha ndrozy. Laha mitohy ty andro ndra ty haly zay, lafe miakatsy avao ty raho vo zay ndrozy nanohy ty liany. ²²Ndra ndroa andro, ndra vola raiky, ndra tao raiky ro nienena ty raho tanabo ty tabernakely, laha mbo niegny teo koa zay, le niegny tamy ty fivoriany sady tsy nandeha ty olon'Iraely. Fe saky hampiakary ty raho, le niongaky tamy ty liany ndrozy. ²³Nivory araky ty didin'Yaveh ndrozy. Nanoriky ty didin'Yaveh ze namea baka amy Mosesy ndrozy.

Chapter 10

¹Niseraky tamy Mosesy Yaveh. Hoasany: ²"Mananova trompetsy volafoty roe. Amy tefy tana ro hanovanao volafoty. Tsy maintsy mampiasa trompetra rey iha hikaihanao ty fiangona hamalo ty fivoriandrozy.³Mpisoro rey le tsy maintsy hitioky trompetra rey mba hikaiha ty fiangona iaby miharo alohanao eo amy ty filira mbamy trano-lay fivoria. Laha trompetra raiky avao ro tiosfy ty ⁴mpisoro rey, le hivory aminao eo mpitariky rey, loha ty fokoa Israely. ⁵Lafa miotioky famantara mare nareo, le hanomboky ty liandrozy ty toby antinana any.⁶Lafa mitioky mare ty fanaira fanindroa nareo, le hanomboky ty liandrozy ty toby antimo. Tsy maintsy mitiky mare ty fanaira ho amy ty liandrozy. ⁷Lafa mivory miaraky amy ty fiangona, le tiofy trompetra rey, fe tsy mafy mare. ⁸Anakilahy Arona rey, mpisoro rey ro tsy maintsy mitioky trompetra rey. Zay le ho lala zisikammparany ho tiahinareo zisiky amy tariha ty olonao.⁹Lafa mandeha mialy amy ty taninareo hannohitsy ty mpialy aminy ze mampijaly anareo nareo, le tsy maintsy hampaneno fanaira amy trompetra rey. Zaho, Yaveh Ndranaharinareo, ro nahatiaro anareo le hamonnjy anareo amy ty fahavalonareo rey.¹⁰Sady amy fotoa fankalaza, le fifalia mahazatsy noho ty fiatomboha ty vola rey, le tsy maintsy hitioky trompetra rey nareo hho fankalaza ty fanesy oroanareo noho soro hafa ho tiahy fanesim-pilongoanareo. Hanovy zay mba hho fahatiarovanareo Ah, azy Ndranaharinareo. Zaho ro yaveh Ndranaharinareo."¹¹Tamy ty faha roe ty tao, tamy faharoe ty vola, tamy faha roapolo ty andro, le niakatsy baka amy taberinakely ty lala ty fanenkea ty raho. ¹²Nanohy ty liany niala taneftsy Sinay ty olon'Israely. Niegny tanefitsy Parana ty raho. ¹³Nanao ty liandrozy velohany, araky ty didy Yaveh ze nameany tamy alala i Mosesy ndrozy.¹⁴Ty toby ambany ty faneva ty tariha i Joda ro niboaky velohany, nampiboaky ty fialiany iaby. Nasona analihan'i Aminadaba nitariky ty miaramilan'i Joda. ¹⁵Netanela anakilahin'i Zoara nitariky ty miaramila fokoa ty tarihan'Isakara. ¹⁶Eliaba anakilahin'i Helona nitariky ty miaramila ty fokoa tariha i Zebolona. ¹⁷Tariha i Gersona noho Merary rey, ze niandraikitsy ty tabernakely, le nampijotso ty tabernakely sady niongaky tamy liandrozy. ¹⁸Bakeo, ty miaramila tambany ty faneva ty tobin'i Robena le niongaky. Eliezora anakilahy Sedeora nitariky ty miaramila i Robena. ¹⁹Selomiela anakilahin'i Zorisaday nitariky ty miaramila ty fokoa ty tariha i Simeona. ²⁰Eliasafa anakilahy Doela nitariky ty miaramila ty fokoa ty tariha i Gada. ²¹Niongaky Kehatita rey. Nanday ty fitaova masy tamy fitoera masy. Ty ilany le nampitsanga ty tabernankely aloha ty niavia Kehatita rey tamy toby manaraky. ²²Miaramila tambany faneva ty tariha i Efraima teo rey ro niongaky nanoriky. Elisama anakilahin'i Amihoda nitariky ty miaramila i Efraima. ²³Gamaliela anakilahin'i Pedazora nitariky ty miaramila ty fokoa tarihai Manase. ²⁴Abidana anakilahin'i Gideon nitariky ty miaramila fokoa tariha i Benjamina. ²⁵Ty miaramila ze nivory tambany faneva tariha i Dana rey ro niongaky farany. Ahiezera anakalahin'i Amisaday nitariky ty tariha i Dana. ²⁶Pagiela anakilahin'i Okrana nitariky ty miaramila ty fokoa tariha i Asera. ²⁷Ahira anakilahin'i Enana nitariky ty miaramila ty fokoa tariha i Naftaly. ²⁸Tamy fomba zay ro niongaha ty miaramila olon'Israely rey tamy ty liany. ²⁹Niresaky tamy Hobaba anakilahin'i Regoela Midianita i Mosesy. Regoela ro anara baba ty valin'i Mosesy le nivola hozao: "Ndao handeha amy toera ze nisorita Yaveh zahay. Hoasa Yaveh: 'Hameako anreo zay.' Ndao hiaraky aminay le hanaovanay soa nareo. yaveh fa nampitama fa hanna soa an'Israely." ³⁰Le hosa i Hobaba tamy Mosesy: "Tsy handeha hiaraky aminao zaho. Handeha ho amy taniko noho ty oloko any zaho."³¹Le namaly azy hozao Mosesy: "Tokony tsy hanenga anay lahy iha. Iha mahay ty hivorianay anefitsy any. Tokony hidary anay iha. ³²Laha handeha hiaraky aminay iha, le hanovinay aminao araky ty soa ze nanovy yaveh taminay."³³Nandeha niala ty vohitsy Yaveh zisiky telo andro ndrozy. Ty fiara ty fanenkea gnan'Yaveh nandeha talohandrozy naharitsy telo andro mba hila toera hiala havoza ho tiahindrozy. ³⁴Ty rahon'Yaveh le tanabondrozy tamy ty andro lafa nandeha ndrozy.³⁵Lafa niongaky ty fiara, le nivola hozao Mosesy: "Mitsangana, lahy Yaveh. Atanino vahavalonao rey. Ampilaiso hiala Aminao eo ze malay Anao." ³⁶Lafa miegny ty fiara, le nivola hozao i Mosesy: "Mimpolia, lahy yaveh, amy Israely analiny lako."

Chapter 11

¹Le nitaray momba ty problemondrozy ty olo laha nijanjy Yaveh. Nahare ty olo Yaveh le nanjary nimeloky. Nisy afon'Yaveh nandoro androzy sady nandrava ty ilany tamy ty toby ilany ta anilany teo rey. ²Bakeo le nikaiky an'i Mosesy olo rey, le nivavaky tamy Yaveh i Mosesy, le niegny ty afo. ³Nikaiha Tabera zay toera zay, safe nirehitsy tamindrozy teo ty afon'Yaveh. ⁴Nanomboky nivory tamy tariha Israely ty ilany tamy firenena hafa. Nagniry hihina hany soa mare ndrozy. Sady nanomboky nitany olon'Israely rey le nanao hozao: "Ia ty hanome hany hohaninay?" ⁵Tiaronay ty fia ze nihaninay tsy nivia ta Egipta tany, kokombra rey, taboara rey, tongolo ravy rey, sady ty tongolo gasy. ⁶Henanizao lasa ty hanitsika, safe ty raha sisa hitantsika le mana toy avao." ⁷Ty mana le manahaky ty voandrafy. Manahaky ty ditin-kazo zay. ⁸Nandeha mihodidy ty olo le namory anizay. Nilisanindrozy tamy ty fikoseha vary zay, nilisany tamy ty leo, nampandevazy tanay ty valany, le nanamboara mofo mamy. Manahaky ty tsiro ty menaky oliva vaovao zay. ⁹Lafa nilatsaky tamy toby teo ty ranon'ando ty haly, le nilatsaky avao koa ty mana. ¹⁰Nahare olo nitany tamy ty longondrozy i Mosesy, le teo iaby ty lahilahy amy filira ho amy ty lainy. Meloka mare Yaveh, le hadisoa tamaso i Mosesy eo ty fitoreovandrozy. ¹¹Hoasa i Mosesy tamy Yaveh: "Nanino Iha ro mampijaly ty mpanomponao? Nanino va iha tsy faly amiko? Nampitarazoanao ty enta mavesatry olo iaby rey zaho. Zaho va ty namoro ty olo iaby rey?" ¹²Zaho va ty nniteraky androzy ro hivolananao amiko hozao: "Trotro an-tratranao manahaky ty fitrotroa ty baba anaky ndrozy?" Tokony handay androzy amy azy tany ze nampitamaninao hamea ty razandrozy va zaho?" ¹³Aia va ro hahitako hany hamea ty olo lako toy? Tomanay alohako eo ndrozy sady mivola hozao: "Ameo hany ho hany zahay." ¹⁴Tsy afaky hitarazo olo rey zaho raiky. Lako mare ho tiahy ndrozy. ¹⁵Safe andesinao manahaky zay zaho, le vono zaho henany io, laha teaNao zaho, sady alao amiko ty fijaliako." ¹⁶Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Anandeso loholon'Israely fitopolo Zaho. Azo itokia fa loholona noho manam-boninahitsy ty olo vatany ndrozy. Andeso amy trano-lay fivoria ndrozy mba hiaraky hitsanja aminao. ¹⁷Hijotso sady hiresaky aminareo any Zaho. Hangalaky ty ilany amy fanahy ze aminao ao rey Zaho le hanenga zay amindrozy. Hiaraky hitarazo ty enta-mahavesatsy ty olo rey hiaraky aminao ndrozy. Tsy iha raiky avao ro handay anizay. ¹⁸Volano amy olo hozao: "Tokano ty vatanareo, ho amy ty hamaray, le vatany hihina hena nareo, safe nitany nareo le reny Yaveh. Iha ro nivola hozao: "Ia ty hanome hena ho haninay? Soa taminay ty ta Egipta." Lafa zay le nanome hany ho ahinareo Yaveh, le hihina zay nareo. ¹⁹Tsy hihina hany maharitsy ty andro raiky, roe andro, limy andro, folo andro, na roepolo andro avao nareo, ²⁰fa hihina hany zisiky vola raiky iaby zisiky mampiboaky zay amy ty lavak'oronareo. Hampangaroharo anreo zay safe tsy nanenky an'Yaveh, ze aminareo eo nareo. Nitany tanatrehany teo nareo. Hoasanareo: "Nanino zahay ro nanenga an'i Egipta?" ²¹Le hoasa i Mosesy: "Miaraky amy olo 600.000 zaho, le hoasaNao: 'Hanome hany ho hanindrozy rey Zaho maharitsy vola raiky.' ²²Tokony hamono aondry noho ty aosy rey noho aomby va zahay hampifalia androzy? Tokony haminta ty fia iaby anay ty riaky ao va zahay mba hampifalia androzy?" ²³Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Fohy va ty tanako? Zao le ho hitanao laha to ty safako na aha." ²⁴Niboaky i Mosesy le nivola tamy ty olo ty safan'Yaveh. Namory loholona fitopolo tamy olo rey ie sady nampilahatsy androzy mihodidy ty lay. ²⁵Nijotso baka amy ty raho eny Yaveh sady niresaky tamy Mosesy. Nangalaky fanahy ilany tamy Mosesy tao Yaveh le nametsaky zay tamy ty lohola fitopolo. Laha nipetraky tamindrozy taon azy fanahy iny, le naminany ndrozy fe tamy fotoa io avao fe tsy nimpoly sasy. ²⁶Lahilahy roe ro nijano tamy toby tao, nikaihy hoe Eldada noho i Medada. Nipetraky tamindrozy tao avao koa azy fanahy iny. Ty anarandrozy le voasoratsy tamy lisitsy tao, fe tsy niboaky ty lay ndrozy. Ndra zay aza, naminany tan-toby tao ndrozy. ²⁷Nisy pamaraky raiky tamy toby tao nilay le nivola tamy Mosesy hozao: "Eldada noho i Medada le naminany amy toby ao." ²⁸Josoa anakilahin'i nona, mpanampin'i Mosesy, raiky tamy ty lahilahy nifiliany, le nivola tamy Mosesy hozao: "Ry Mosesy tompoko, sakano ndrozy." ²⁹Hoasan'i Mosesy taminy hoe: "Mamarahy noho ty amiko va iha? Ty faniriako mba ho mpaminany iaby ty olon'Yaveh iaby sady hametraky ty fanahy amindrozy iaby Ie!" ³⁰Bakeo Mosesy noho ty loholon'Israely rey nimpoly tamy toby ao. ³¹Bakeo le nisy tioky niavy tamy Yaveh le nanday papeliky baka amy riky any. Niravoky tanila ty toby ndrozy, tamy lala andro raiky tamy ty hafa. Mihodidy ty toby ty papeliky roe hakiho anabo ty tany. ³²Sahira ty olo rey namory papeliky rey tamy andro zay, lian'ankaly, sady ty andro manaraky. Tsy nisy namory papeliky latsaky ty folo homera. Nizara ty papeliky heniky ty toby iaby ndrozy. ³³Laha mbo tanelanela ty hindrozy ty hany, laha mbo nitsako ndrozy, le nimeloky tamindrozy Yaveh. Nanisy arety mare tamy olo rey Ie. ³⁴Kibrota Hatava ty nikaiha zay toera zay safe tao ro nandevenandrozy ty olo ze naniry hena mare. ³⁵Ningaky baka a Kibrota Havata olo rey mba ho a Hazerota any ze nijanonandrozy.

Chapter 12

¹Bakeo i Myriama noho Arona niresaky nanohitsy an'i Mosesy noho azy ampela Kosita ze naakatsiny.

²Hoasandrozy: "Mosesy avao va ro iresahan'Yaveh? Vasa tsy niresaky amitsika avao koa va Ie?" Le niren'Yaveh ze nivolanindrozy. ³Sady le vatany manambany ty vatany azy lahilahy mozesy iny, be fandefera amy ty olo iaby antany eto. ⁴Bakeoniny Yaveh le niresaky tamy Mosesy, Arona, noho Miriama hozao: "Miboaha nareo telo, ho amy trano-lay fivoria." Lafa zay le niboaky ndrozy telo. ⁵Bakeo nijotso tamy andrin-draho Yaveh. Nitsanga tamy ty filira amy lay tao Ie sady nikaiky an'i Arona noho miriama. Samby nandroso ndrozy roe. ⁶Hoasa Yaveh:

"Henanizao janjino ty safako. Lafa miaraky aminareo ty mpaminaniko, le hanambara ty vatako amity fahita Zaho sady hivoila aminy anay ty nofy. ⁷Tsy manahaky zay i Mosesy mpanompoko. Amy ty tranoko iaby atokisa ie.

⁸Miresaky mivanta amy Mosesy Zaho, fa tsy amy ty fahita ndra ankamantatsy. hhitany ty tarehiko. Ka manino nareo ro tsy matahotsy ty hiresaky hanaboka ty mpanompoko, manohitsy an'i Mosesy?" ⁹Nirehitsy tamindrozy ty heloky yaveh, le bakeo Ie nanenga androzy. ¹⁰Niala tamy lay tao ty raho, le nanjary boka i Miriama nanjary boka tampoky---foty manahaky ty ora fanala ie. Lafa nitoliky tamy Miriama tany i Arona, le nihitany fa nisy haboka ie.

¹¹Hozao tiasa i Arona tamy Mosesy: "Nao lahy tompoko, ka tanjahy aminay ty fahadisoa toy. Niresaky adaladala zahay, sady nanota. ¹²Ka enga manahaky ty aja mbo teraky maty ie zay vo lany ty ila ty nofitsiny laha mbo teraky baka an-troky ty reniny." ¹³Lafa zay le nikaiky an'yaveh i Mosesy. Hoasany: "Miangavy lahy mba jangao ie, lahy Ndranahary, miangavy."

¹⁴Hozao tiasa Yaveh tamy Mosesy: "Laha nandora tamy ty vata ty babany, le ho latsa-baraka zisky fito andro ie. Hilio ambaliky ty toby maharitsy fito andro ie. Afara zay le andeso mimpoly atoy ndraiky ie." ¹⁵Le nihilia tambaliky ty toby zisiky fito andro ie. Tsy nandeha ty olo zisiky ty nimpoliany tan-toby tao. ¹⁶Tafara zay, le niala baka Hezerota ty olo le nivory tanetsy i Parana.

Chapter 13

¹Le nivola tamy Mosesy Yaveh. Hoasany: ²"Mampandina lahilahy lako mba hagnety ty tany Kanana, ze nameako ty olon'Israely. Mandefasa lahilahy raiky baka amy ty fokoa ty zarandrozy iaby. Lahilahy rey le tsy maintsy mpitariky amindrozy eo. ³Nandefa androzy baka amy efitsy Parana i Mosesy, mba hahafandrozy manoriky ty lilin'Yaveh. Ndrozy iabby le samby mpitariky tamy ty olon'Israely iaby. ⁴Retia ty anarandrozy: baka amy fokoa i Robena le i Samoa anakilahy Zakora; ⁵baka amy fokoa i Simeona le i Safata, anakilahin'i Hory; ⁶baka amy fokoa i Joda le i Kaleba le i Kaleba anakilahin'i Jefone; ⁷baka amy fokoa i Isakara le i Jjigala anakilahin'i Josefa; ⁸baka amy fokoa i Efraima le i Hosea anakilahin'i Nona; ⁹baka amy fokoa i Benjamina le i Palty anakilahin'i Rafo; ¹⁰baka amy fokoa i Zebolona le i Gadiela anakilahin'i Sody; ¹¹baka amy fokoa i Josefa (ze midika hozao baka amy fokoa i Manase) le i gady anailahin'i Sosy; ¹²baka amy fokoa i Dana le i Amiela anakilahin'i Gemaly; ¹³baka amy fokoa i Asera le i Setora anakilahin'i mikaela; ¹⁴baka amy fokoa i Naftaly le i Naby anakilahin'i Vofsy; ¹⁵baka amy fokoa i Gada le i Geoela anakilahin'i Maky. ¹⁶Rey ro anara ty lahilahy rey ze nalefan'i Mosesy mba hagnety ty tany. Nikaiha i Mosesy hoe Josoa i hosea anakilahin'i Nona. ¹⁷Nampandina i Mosesy mba hagnety ty tany Kanana ndrozy . hozao tiasany tamindrozy: "Milira baka a Negeva le miakara amy ty anabo ty tany. ¹⁸Hentao ty tany zy mba hahaza hoe manao akory. Hentao so aty mpipetraky ao, vasa matanjaky na malmy, sady ndra kely ndra lako. ¹⁹Hentao ty toetsy ty tany ipetrahandrozy. Soa va zay sa raty? Tana ino ro ao? Manahaky ty toby va ndrozy, sa tana misy lakoro? ²⁰Hentao ty toetsy ty tany, laha soa ho tiahy fambolea na aha, sady laha misy hazo mitiry ao na aha. Maereza le manandesa santionany baka amy ty vokatsy ty tany." Le fotoa zay le fotoa fiaraka ty veloham-boaloboky masaka. ²¹Le hiakatsy lahilahy rey le hagnety ty tany baka anefitsy Sina le zisiky a Rehoba, anila i Lebo Hamata. ²²Niakatsy baka Negeva ndrozy le niavy ta Hebrona. Ahimana, Sesay, noho Talmay, fokoa baka amy Anaka rey le tao. Le i Hebrona le fa nitsanja fito tao taloha i Zoana a Egipta any. ²³Lafa niavy tambaibo tiahy Eskola ndrozy, le nanampaky sampa ty voaloboky. Nitarazoa ty roe taminandrozy roa tamy ty kobay zay. Nanday ampogaben-danitsy noho aviavy avao koa ndrozy. ²⁴Nikaiha ho baibon'Eskola toera zay, amy ty sampa ty voaloboky notapaha ty olon'Israely tao. ²⁵Afaky efapolo andro, le nimpoly bakany ty ampanantea ty tany ndrozy. ²⁶Nimpoly tamy Mosesy tany, Arona, noho ty firaisa ty olon'Israely tanetsy i Parana, ta kadesy ndrozy. nanday valinteny tamindrozy noho tamy firaisa iaby, sady nahare ty vaokatsy baka amy ty tany tamindrozy. ²⁷Hoasandrozy tamy Mosesy : "Niavy tamy ty tany ze nampandinanao anay zahay. Le vatany atsiky ronono noho tantely vatany zay. Retia ty ialany tamy ty vokatsy baka amizay tao. ²⁸Ndra zay aza, ty olo ze manamboatsy ty fipetrahandrozy ao le matanjaky. Tana rey le misy vala noho malalaky. Nahita ty tariha i Anaka tao avao koa zahay. ²⁹Amalakita mipetraky a Negeva rey. Hetita rey, Jebosia , sady Amorita rey le manamboatsy ty tranonondrozy ambohity tany eny. Kananita rey le mipetraka annila ty riaky noho manoriky ty Rano Jordana. ³⁰Le nampangina ty olo tanatreha i Mosesy eo i Kaleba le nanao hozao: "Engaho zahay hiakatsy sady hangalaky ty tany ho hanagna, safe vitantsika vatany mandresy anizay." ³¹Fa ty lahilahy hafa niaraky tamindrozy rey nanao hozao: "Tsy vitantsika ty hanafiky ty olo rey safe matanjaky mandilatsy antsika ndrozy." ³²Le nampiele tatitsy mahakivy tamy ty olon'Israely mikasiky ty tany ze baka nihenteandrozy. Hoasandrozy: "Ty tany ze nihenteanay le tany mihina ty mipetraky. Ty olo iaby ze hitanay le be noho abo iaby. ³³Nahita ty olo bevata tao zahay, tariha i Akana, olo ze baka amy ty bevata. Laha ty fagneteanay azy manoka le manahaky ty valala tsika laha ampitovia amindrozy, le manahaky zay koa laha ty fagnetindrozy anay."

Chapter 14

¹Tamy halininy avao le nitany iaby ty fingona. ²Nanaboka an'i Mosesy noho i Arona ty olon'Isarely iaby. Hoasa ty fiangonana iaby tamindrozy: "Aleonay nimaty tamy tany Egipta, ndra may etitsy toy! ³Nanino nanday anay amy tany toy mba ho maty ty mesoben'Yaveh? Hanjary ho azondraha amizay ty valinay noho ty anakinay. Vasa tsy soa ho ahinay va ty mimpoly a Egipta any?" ⁴Nifampivola hozao ndrozy: "Ndao tsika hifily mpitariky hafa, le ndao tsika himpoly a Egipta any." ⁵Le nandohaliky tamy ty vatany taloha fivoria ty fiangona ty olon'Israely iaby i Mosesy noho i Arona. ⁶Nanatiky ty salotsindrozy i Josoa anaky Nona noho kaleba anaky Jefone, Ze ty ilany tamindrozy nalefa mba hagnety ty tany. ⁷Nivola tamy ty fiongan'Isarely iaby ndrozy. Hoasandrozy: "Ty tany ze nandinany noho nihenteany le vatany tany soa. ⁸Laha mankasitraky atsika Yaveh, le handay atsika amy tany any zay noho hanome tany zay ho tiahintsika Ie. Le tany atsiky ronono noho tantely. ⁹Fe ka mialy amy Yaveh, sady ka mavaka ty tompo tana. Handrava androzy manahaky ty hany avao tsika. Ho ala amindrozy ty fiaraovandrozy, safe miarao antsika Yaveh. Ka mavaka androzy." ¹⁰Fa nanerisery hitoraky vato hamono azy fiangona iaby rey. Le niseho tamy azy trano-lay fivoria tamy ty olon'Israely iaby ty voninahitsy Yaveh. ¹¹Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Zisiky ombia olo retia ro tsy hampisy dikany Ahy? Zisiky ombia ndrozy ro tsy hatoky Ahy, ndra teo aza ty famantara ty heriko iaby rey ze fanoviko tamindrozy? ¹²Hanisy androzy amy ty arety mandrava Zaho, tsy hampandova androzy, sady hanaga firenena ze ho bevata noho mahery mandilatsy androzy baka amy ty foko na avao Zaho." ¹³Hoasa i Mosesy tamy Yaveh: "Laha manao zay iha, le hahare mikasiky zay ty Egyptiana, safe fa namonjy olo toy tamindrozy baka amy ty herinao Iha. ¹⁴Hivola zay amy ty mpipetraky amy tany toy ndrozy. Fa rendrozy fa Iha, Yaveh ro niaraky tamy olo toy, safe fa nihita nifanatsiky vata Iha. Nitsanga tamy ty olonay ty rahonao. nandeha alohandrozy tamy ty andry raho Iha ty andro sady tamy ty andry afo haly. ¹⁵Henany zao laha mamono olo toy manahaky ty olo raiky Iha, le hivola ty firenena ze nahare ty lazanao le hanao hozao: ¹⁶Safe tsy nahavita nanday olo toy tamy ty tany ze nifantany hamea androzy Yaveh, le nivonoany tanetsy tany ndrozy. ¹⁷Henanizao, mangataky Aminao zaho, ampiasao ty herinao bevata. Fa nivola hoizao Iha: ¹⁸Tsy malaky meloky Yaveh sady tsy mivaliky amy ty fanenkea. ¹⁹Mamela heloky noho fahota Ie. Tsy manamary ty diso Ie fa mamaly ty fahota ty raza amy ty tarihandrozy, le amy ty tariha fahatelo noho fahaefatsy. Mamela, manhataky Aminao zaho, ty fahadisoa olo toy amy ty fahabevata ty famalozam-ponao, manahaky ty nanenganao sanadro olo toy nanomboky tamy ty fotoa naha tany an'Egipta androzy zisiky henany io." ²⁰Hoasa Yaveh: "Fa nanenga androzy amy ty fanatantera ty fangatahanao Zaho, ²¹fe to vatany laha, laha mbo velo avao koa Zaho, sady laha atriaky ty voninahitsiko ty tany iaby, ²²olo iaby rey ze nahitaky ty voninahitsiko noho ty famantara ty hery iaby ze nanoviko ta Egipta noho tanefitsy rey—le mbo nangalaky fanahy Ahy impolo zay ndrozy sady tsy nijanjy ty feoko. ²³Le mivola Zaho fa tsy hahitaky ty tany ze nifantako tamy ty razandrozy vatany ndrozy. Tsy misy ndra raiky amindrozy ze tsy nampisy dikany Ahy hahitaky zay, ²⁴hafa tsy Kaleba mpanompoko, safe mana fanahy hafa ie. Fa nanoriky Ahy vatany ie; le handay azy amy tana ze nandinany ho henteany Zaho. Hangalaky zay ho hanagana ty tarihany. ²⁵(Sady Amalekita rey noho Kananita le nipetraky tambaibo.) Mimpolia le mandina anefitsy any amy ty lala mba amy Riaky mena lafa hamaray." ²⁶Nivola tamy Mosesy noho i Arona Yaveh. Hoasany: ²⁷Zisiky ombia ro handeferako fiangona raty ze manaboka Ahy toy? Fa reko ty toreo ty olon'Israely Amiko. ²⁸Volano hozao ndrozy: 'Laha mbo velo Zaho', hoasa Yaveh, 'araky ty safanareo tan-tsofiko, ro ananovako zo aminareo Zaho: ²⁹Hianpatsy anefitsy any ty fatinareo, le nareo iaby ze nitoreo Tamiko, nareo ze nihisafy tamy ty fanisa olo, ty fitambara ty isaky ty olo roapolo tao noho miakatsy. ³⁰Tsy hilitany amy ty tany ze fa nampitamaniko hanovanareo fipetraha vatany nareo, hafa-tsy Kaleba anaky Jefone noho Josoa anak'i Nona. ³¹Fe ty anakinareo ze nivolaninareo fa ho voandraha, le andesiko militsy amy tany ao ndrozy. Hiay amy ty tany ze lovanareo ndrozy! ³²Le ty aminareo, hianpatsy anefitsy any ty fatinareo. ³³Ho mpiamby aondry anefitsy zisiky efapolo tao ty anakinareo rey. Tsy maintsy hitratra ty vokatsy ty asa fanabokanareo zisiky hahamaty anareo anefitsy any ndrozy. ³⁴Manahaky ty isa ty andro ze nanenteanareo ty tany—efapolo andro, le tsy maintsy hitratra ty vokatsy ty fahadisoanareo zisky efapolo tao manahaky zay koa nareo—tao raiky ho tiahy andro raiky, le ho hainareo hoe manao akory tt ho fahavaloko zay. ³⁵Zaho, Yaveh, ro fa nivola. Hanoviko vatany ho tiahy fiangona raty ze miaraky mivory hanohitsy Ahy toy zay. Horavako vatany ndrozy, le ho maty eto." ³⁶Le lahilahy ze nihirahan'i Mosesy mba hanenty ty tany rey le ³⁷tamy ty arety mandrava tanetraha Yaveh iaby. Lahilahy nimpoly nanambara vandy momba ty tany. Zay nampitoreo ty fiangona iaby an'i Mosesy. ³⁸Amy ty lahilahy iaby ze nandeha mba hagnety ty tany, le i Josoa anaky Nona noho Kaleba anaky Jefona avao ro sisa velo. ³⁹Lafa nanao tatitsy safa rey tamy ty olon'Israely iaby Mosesy, le nalahelo mare ndrozy. ⁴⁰Nifoha maraindrandray ndrozy le nanteha anapo ty vohitsy le nanao hozao: "Ingo, toy zahay, sady nandeha ho amy ty toera ze nampitamanin'Yaveh, fa nanota zahay." ⁴¹Fe hoasa i Mosesy: "Nanino naareo henany io ro mandika ty lilyn'Yaveh? Tsy atokisa nareo. Ka mandeha, safe tsy hiaro anao hanaka ⁴²anareo

tsy ho resy ty vahavalonareo Yaveh. ⁴³Any Amalekita noho Kananita rey, le ho maty ty mesobe any nareo safe fa nivaliky tany ty fanoriha an'Yaveh nareo. Le tsy hiaro anareo Ie."⁴⁴Fe ndrozy le nahasy niakatsy tanabo ty vohitsy ndrozy; ndra zay aza, le sty niala tan-toby ndra i Mosesy ndra ty fiara ty fanenkea an'Yaveh. ⁴⁵Le nijotso Amalekita rey, noho Kananita ze nipetraky tany ty vohitsy rey koa. Nanafiky an'Israelita rey noho nandresy androzy tan-dala tany mbamy Horma iaby ndrozy.

Chapter 15

¹Le nivola tamy Mosesy Yaveh. Hoasany: " ²Mivolana amy ty olon'Israely le volano hozao ndrozy: 'Lafa handeha ho amy tany ze hipetrahamareo nareo, le zay amean'Yaveh anareo, ³le hanoma fanesany amy ty afo ho tiahy Yaveh Nareo, ndra fanesany oroa ndra soro mba hanatanteraha voady ndra fanesany sitrapo, ndra fanesany amy ty fanasanareo, mba hamokatsy fofomanitsy ankasitrahahoa h'Yaveh, baka amy ty aomby ndra ty aondry.⁴Tokony hanesy soro oroa hoah'Yaveh nareo sady ampahafolo ty efaha amy ty lafariny nilisany soa noharoharoa tamy ty soliky fahefa ty meza ho fanesany ho hany. ⁵Tokony hanesy divay ampahaefatsy ty hina ho fanesany hinoma ho tiahin'anankondry kiraikiraiky avao koa nareo, miharo amy ty fanesany oroa, ndra ho hoahy ty soro.⁶Laha manesany aondry lahy nareo, le tokony hanoma lafariny nilisany soa roe ampahafolo ty efahy niharoa tamy ty soliky ampaha telo ty hina nareo ho fanesany ho hany. ⁷Amy ty fanesany hinoma, tokony hanesy divay ampahatelo ty hina nareo. Hamokatsy fofomanitsy hoahy Yaveh zay.⁸Laha manoma aomby ho fanesany oroa nareo ndra ho soro hanatenteraha voady, ndra ho fanesany fiharoa amy Yaveh, ⁹le tokony hanesy lafariny nilisany soa ampahatelo ty efaha noharoa tamy ty soliky antsasaky ty hina miarakany amy ty aomby nareo ho fanesany ho hany. ¹⁰Tokony hanesy divay antsasaky ty hina nareo ho fanesany hinoma, manahaky ty fanesany vita baka amy ty afo, mba hamokatsy fofomanitsy mare hoahy Yaveh.¹¹Enhao ho vita ty aomby kiraikiraiky zay lily zay, hoahy ty aondry lahy kiraikiraiky, sady hoahy ty anakaondry lahy kiraikiriky ndra aosy tsenony koa. ¹²Ty soro kiraikiraiky ze omaninareo noho asesinareo le engaho ho vita manahaky ty nofarita eto. ¹³Ty tera tany Israelita iaby le engaho hanao ty raha rey amy fomba io, lafa misy olo manday soro vita baka amy ty afo, mba hamokatsy fofomanitsy ze ankasitrahana Yaveh.¹⁴Laha misy vahiny miharo petraky aminareo, ndra ze iaby mety hipetraky aminareo eo maharitsy ty tariha ty olonareo, le engaho hanesy fanesany vita baka amy ty avo ie, mba hamokatsy fofomanitsy mare hoahy Yaveh. ¹⁵Engaho hanao manahaky ty fanaonareo ie. Engaho ho lala mifanahaky ho amy ty fiaraha-mony noho amy ty vahiny ze miharo mipetraky aminareo zay, lala maharitsy zisiky ty tariha ty olonareo. Manahaky anareo, ro engaho hipetraka ty mpandeha aminareo eo avao koa. Engaho hanao manahaky ty fanaonareo anatreha yaveh ie. ¹⁶Engaho ho lily amy ty lala mifanahaky ro ampihary aminareo noho amy ty vahiny ze miharo petraky aminareo."¹⁷Mbo niresaky tamy Mosesy ndraiky Yaveh. Hoasany: ¹⁸"Mivolana amy ty olon'Israely le volano hozao ndrozy: 'Laha avy amy ty tany ze nangalakooanareo nareo, ¹⁹laha mihina ty hany vokatsy amy tany eo nareo, le engaho hasesany ho fanatitsy noho atoronareo Ahy zay.²⁰Baka amy ty veloha ty vokatsy nareo ro tsy maintsy anesenareo mofo hampiaky ze ho fanesany asondrotsy baka amy ty fikororoa. Tokony hanondrotsy zay anabo amy ty fomba zay nareo. ²¹Tokony hanome fanesany asandratsy ho Tiahy nareo zisiky ty tariha ty olonareo baka amy ty veloha ty kobanareo.²²Kindraindraiky tsy sitraponareo ro hanota, laha tsy manenky ty lily iaby ze fa nivolaniko tamy Mosesy rey nareo— ²³ty raha iaby ze fa nameperako anareo tamy alala i Mosesy baka amy ty fiatomboha andro ze nanomezako lily sady mitohy zisiky amy ty tariha ty olonareo. ²⁴Amy ty fitranga ty fahota tsy sitrapo amy ty tsy fahaiza ty mpiara mony, le engaho hanesy vatotsy aomby lahy raiky ty fiarahamony iaby ho fanatitsy horoa mba hamokara fofomanitsy mare hoahy Yaveh. Miarakany amizay le ho vita ty fanesany ho hany noho ty fanesany hinoma, manahaky namepetsy tamy ty lily, sady ty aosy lahy raiky ho fanesany amy ty hadisoa.²⁵Tokony hanao fanavota hoahy ty fiaraha mony ty olon'Israely iaby ty mpisoro. Ho ennga ty helokindrozy. Ho enga ty helokindrozy safe fahadisoa ty fahota. Fa nanday ty sorony ndrozy, azy fanesany vita baka amy afo ho Tiahy. Fa nanday ty fanesany noho ty fahotany talohako teo ndrozy ho amy ty fahadisoandrozy. ²⁶Le henga heloky iaby ty fiaraha-mony ty olon'Israely, noho ty vahiny mipetraky miarakany amindrozy avao koa, safe nahavita hadisoa tsy sitrapo iaby ty olo. ²⁷Laha manota tsy sitrapo ty olo raiky, le engaho hanesy aosy vavy tao raiky ho fanesany noho ty ota ie. ²⁸Tokony hanao fanavota anatreha Yaveh eo ty mpisoro ho hiahy olo ze nanota tsy sitrapo. Ho enga ty hadisoa olo zay lafa vita ty fanavota. ²⁹Tokony hana lala mifanahaky nanreo hoahy ty manao raha tsy sitrapo, lala mifanahaky hoahy ty tera tany amy ty olon'Israely eo noho hoaty ty vahiny ze mipetraky amindrozy rey.³⁰Fa ty olo ze manao raha amy ty fila kinainay, dra tera-tany ie ndra vahiny, le mivola raty Ahy. Engaho ho rava amy ty olony zay olo zay. ³¹Safe fa tsy mampisy dikany ty safako ie sady nandika ty liliko, le engaho ho rava mihintsy zay olo zay. Ho aminy lahy ty fahotany."³²Laha mbo tan-tany efitsy tany ty olon'Israely, le nahita lahilahy namory hazo tamy ty andro sabata ndrozy. ³³Azy nahita azy rey lenanday azy tamy Mosesy tany, Arona, sady ty fiaraha-mony iaby. ³⁴Nigadrandrozy ie safe mbo tsy nambara ze tokony tanovy taminy.³⁵nivola tamy Mosesy Yaveh: "Engaho ho vonoa vatanyazy lahilahy iny. Engaho ty fiaraha-mony iaby hitoraky vato azy ambaliky toby any." ³⁶Le nanday azy tambaliky ty toby ty fiaraha-mony iaby le nitoraky vato azy ho maty araky ty nandidian'Yaveh an'i Mosesy³⁷Mbo niresaky tamy Mosesy avao ndraiky i Yaveh. Hoasany: ³⁸"Miresaha amy ty tariha Ysraely le mandidia androzy mba hanao somotsy aviavy baka amy ty moro ty sikindrozy hoahy ty vatany ndrozy ho falifaly amy ty moro ty sikindrozy, mba hampiravirany androzysaky ty moro ty ty taly bleble.

Engaho hanao zay ndrozyzisy amy ty tariha ty olony. ³⁹Ho fampahatiarova manoka hoahianreo liliko iaby rey zay, mba hahatanteraky le tsy hanenteanareo manoka ty fonareo noho ty masonareo le hivatota ty vatanareo amindrozy.⁴⁰Anovo zay mba hahatiarovanareo noho hankatoavanareo ty liliko iaby, sady mba ho masy nareo, Natoka ho Tiahy, Ndranaharinareo. ⁴¹Zaho ro Yaveh Ndranaharinareo, ze nanday anareo niboaky ty tany Egypta, mba hanjary Ndranaharinareo. Zaho ro Yaveh ndranaharinareo."

Chapter 16

¹Le i Kora ro anakilahin'i Jizara anakilahin'i Kehata anakilahin'i Levy, niaraky amy Datana noho Abirama anakilahin'i Eliaba, noho Ona anak'i Peleta, tariha i Robena, le nampivory lahilahy ilany. ²Nitsanga hanohitsy an'i Mosesy ndrozy, le niaraky tamy ty; lahilahy hafa rey baka amy ty olon'Israely, mpitariky fiangona roan-jato sy dimampolo ze mpikamba malaza tamy fiangonana teo. ³Niaraky nivory ndrozy mba hialy amy Mosesy noho Arona. Hoasandrozy taminy: "Lasa lavitsy mare nareo! fa natoka iaby ty fiangona, ty kiraikiraiky amindrozy, le amindrozy Yaveh. Manino manondrotsy ty vatanareo ambany ty fiangona Yaveh nareo?"⁴Lafa ren'i Mosesy zay, le nampandohaliky ty vatany ie. ⁵Nivola tamy Kora noho ze niaraky taminy iaby hozao: "Lafa hamaray le hampahafantariny Yaveh ze Tiazy rey noho ze natoka ho Tiazy. Handesiny anilany eo zay olo zay. Ty raiky ze nitingininy le handesiny hanarikitsy ty vatany."⁶Anovy zao, lahy Kora noho ty tarihany iaby. ⁷Hamaray le alao ty fanandesa afao noho ditin-kazo manitsy anaizay alohan'Yaveh eo. Ty raiky ze tinginy Yaveh, le hatoka hoahy Yaveh zay olo zay. Lasa lavitsy mare iha, lahy ty tariha i Levy.⁸Le hoasa i Mosesy ndraiky tamy Kora: "Henanizao mijanjina, nareo lahy tariha i Levy: ⁹vasa raha kelikely aminareo va ty fampisarahan-Dranahary anareo tamy fiangona Israely, mba handay anareo anila ty vatany, mba hanao ty asany amy tabernakely an'Yaveh sady hitsanja aloha ty fiangona mba hanompo androzy?"¹⁰Nanday anao marikitsy Ie, noho ty rahalahinao iaby, tariha i Levy, miaraky aminao, fe mbo nila ty fisorona avao koa nareo! ¹¹Amy zay ro niharoanareo noho ty namanao hanohitsy an'Yaveh. le manino nareo ro mitaray momba an'Arona, le manoriky an'Yaveh?"¹²Le nikaiky an'i Datana noho i Abirama, anakilahin'Eliaba i Mosesy, fa nivola hozao ndrozy: "Tsy hiakatsy zahay. ¹³Raha kely aminao va ty nanandesanao anay niakatsy niboaky ty tany atsiky ronono noho tantely, mba hamonoa anay anefitsy any? Henany zao le maniry ty vatanao hanapaky aminay eo iha! ¹⁴Ho fanovona zay, tsy nanday anay amy ty tany atsiky ronono noho tantely Iha, ndra nanome anay baibo noho tanim-boaloboky rey ho lova. Henany zao le maniry ty hahajiky anay amy ty fampitamany tsy misy va Iha? Tsy hoaminao any zahay."¹⁵Nimeloky mare i MOsesy le nivola tamy Yaveh hozao: "Ka manenky ty fanesiny. Tsy nangalaky ampondra raiky tamindrozy zaho, sady tsy nanisy raty tamy ty raiky tamindrozy mihintsy zaho". ¹⁶Le nivola hoizao tamy Kora i Mosesy: Lafa hamaray le tsy maintsy mandeha anila Yaveh iha noho ty namanao--- iha noho ndrozy, sady i Arona, ¹⁷Samby mangalaky ty fanandesa afony kiraikiraiky iaby sady manisy didin-kazo manitsy amizay ao. Bakeo le tokony handay fanandesa afony kiraikiraiky aloha Yaveh eo iaby, fanandesa afo roanjato sy dimampolo. Iha noho i Arona, avao koa, le tokony handay ty fanandesa afonareo kiraikiraiky iaby."¹⁸Le nangalaky ty fanandesa afony ty olo kiraikiraiky, nampirehitsy afo tamizay, le nitsanga tamy ty filira amy trano lay fivorina niaraky tamy moysesy noho i Arona. ¹⁹Nampivory ty filahara iaby manohitsy an'iMosesy noho i Arona tamy filira ty trano lay fivorina i Kora, sady niseho tamy ty filahara iaby ty voninahitsy Yaveh.²⁰Le niresaky tamy Mosesy noho i Arona Yaveh: " ²¹Saraho amy fiangona toy ty vatanareo mba hahazako mandrava androzy direkita." ²²Nandohaliky MOsesy noho i Arona sady nivola hozao: "Ndranahary, Ndranahary ty fanahy ty olombelo iaby, laha maota ty oo raiky, le ho meloky amy ty fiangona iaby va Iha?"²³Namaly an'i MOsesy Yaveh. ²⁴HoasaNy: "Mivolana amy ty filahara. Volano hozao: "Miala amy ty lay Kora, datana, sady i Abirama."²⁵Le niongaky i Mosesy le nandeha ta Datana noho Abirama, lohola ty Israely rey le nanoriky azy. ²⁶Niresaky tamy ty filahara manao hozao ie: "Henany zao le miala amy ty lay ty raty fanahy sady ka mitolo ndra ino ndra ino ty ahindrozy, fa sao de ho rava amy alala ty fahotany iaby iha." ²⁷Le nanenga androzy tamy ty zoro ty lay Kora rey, Datana, le i Abirama ty filahara. Niboaky i Datana noho Abimira sady nitsanga tamy ty filira ty laindrozy, niaraky tamy ty valiny rey, anakilahy, le ty malinikiny."²⁸Le nivola hozao i Mosesy: "Henanizao ro hahazanareo fa Yaveh ro naniraky ahy hanao ty asa iaby, fa tsy hanao rey tamy ty saiko avao koa zaho. ²⁹Laha maty amy ty fahafatesa voajanahary manahaky ty raha misy ara-dala rey olo reo, le tsy nandefa ahy Yaveh. ³⁰Fa laha mamoroa fisokafa amy ty tany ze mitely androzy sady manahaky vava bevata an'Yaveh, miaraky amy ty longony rey iaby, sady laha mijotso velo amy ty helo ndrozy, le engaho ho hainareofa olo rey le tsy mampisy dikany an'Yaveh."³¹Laha mbo tsy tampitsy ty vola i Mosesy safa iaby rey, le nivoha tambany lahilahy rey eo ty tany. ³²Namoha ty vavany ty tany sady nitely androzy, longony rey, sady ty olo iaby ze ahy KOra, sady hanagnany iaby."³³Le nilatsaky velo amy ty helo ndrozy noho ze iaby tamyty longony. Nikanto tanabondrozy tany rey, sady tamy zay ro naha rava androzy tanivo ty filahara. ³⁴Israely iaby mihididy androzy le nnilay tamy tanilany teo. Nitoreo hozao ndrozy: ³⁵"Mety hitely antsika avao koa ty tany!" Le nitselatsy ty afo baka amy Yaveh sady nitely 250 olo rey ze nanesy didin-kazo manitsy."³⁶Le niresaky tamy Mosesy ndraiky yaveh le nivola hozao: " ³⁷Mivolana amy Eleazara anakilahin'Arona mpisoro sady engaho ie ro hamono ty afao amy ty fandoroa ditin-kazo manitsy, fa ty fanandesa afao le natoka ho tiahy. Le engaho ie hampiely ty bolon'afao lavitsy. ³⁸Alao ty fanandesa afo rey ze namono ty ainy noho ty fahotany. Engaho hatao finga namboary mba ho handombofa ty alitara. Nanesy rey talohako teo olo rey, le natoka ho tiAhy rey. Ho famantara ty fisiako amy ty

olon'Israely rey.³⁹ Nangalaky ty fanandesa afo saba i Eleazara mpisoro ze nampiasa ty olo ze nimay, le namboary ho fandomboha hoahy ty alitara rey, ⁴⁰ mba ho fampahatiarova hoahy ty olon'Israely, mba tsy hisy vahiny ze tsy tariha baka amy Arona ho avy handoro ditin-kazo manitsy aloha Yaveh, le tsy ho avy manahaky an'i Kora noho ty namany ndrozy--- araky ze fa nandidia Yaveh tamy alala'i Mosesy.⁴¹ Lafa hamaraininy le nitoreo tamy Mosesy noho Arona ty fitambara ty olon'Israely iaby. Hozao tiasandrozy: "Novonoanareo ty olon'Yaveh." ⁴² Sady niseho zay, lafa nivory hanohitsy an'i Mosesy noho Arona ty filahara iaby, laha nanenty tamy tarano-lay fivoria ndrozy, le ingo, nandomboky zay ty raho. Niseho ty voninahitsy Yaveh,⁴³ le i Mosesy noho Arona le nandeha aloha ty trano-lay fivoria.⁴⁴ Le nivola tamy Mosesy Yaveh. Hozao tiasany: ⁴⁵ "Misitaha lavitsy ho aloha ty filahara io mba hahazako mandrava azy direkita." Le nampandohaliky ty vatany tamy ty tany i Mosesy noho i Arona. ⁴⁶ Hoasa i Mosesy tamy Arona: "Alao ty fanandesa afo, asio afo baka amy alitara, asio didin-kazo manitsy anay zay ao, andeso malaky amy filahara zay, le mananova fanavota hoahindrozy, safe niavy amy Yaveh any ty heloky. Nanomboky ty arety mamono."⁴⁷ Le nanao araky ze natoro i Mosesy i Arona. Nilomay ho anivo ty filahara ie. Fa nanoboky niparitaky tamy olo ty arety mamono, le nampiliriny ty ditin-kazo manitsy le nanao fanavota hoahy ty olo ie. ⁴⁸ Nitsanga tanelanela ty velo noho ty maty i Arona; tamizay le nijano ty arety mamono. ⁴⁹ Azy nimaty ty arety mamono rey le 14 700, ankoatsy ty maty noho amy Kora rey. ⁵⁰ Nimpoly tamy Mosesy tamy ty filira an-trano-lay fivoria i Arona, le nijano ty arety mamono.

Chapter 17

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh. ²Hozao tiasany: "Mivolana amy olon'Israely sady mangala kobay baka amindrozy, raiky saky ty kiraikiraiky amy foko a ty raza rey, le kobay folo roa amby. Soraty amy ty kobay baka ty anara ty olo kiraikiraiky. ³Engaho hosara amy ty bokay Levy ty anara i Arona. Tsy maintsy misy kobay raiky baka amy ty foko a ty razany ho amy ty mpitariky kiraikiraiky. ⁴Tsy maintsy enganao amy trano-lay fivoriana aloha ty lala ty fanenkea eo, ze hifankahita amy kobay rey. ⁵Le ty kobain'olo ze tinginiko le hitiry. Hampieniniko ty fitoreo baka amy ty olo rey, ze ambarany hanohera anao." ⁶Le nivola tamy ty olon'Issraely i Mosesy. Nanome kobay azy iaby mpitariky foko a rey, kobay raiky iaby saky mpitariky kiraikiraiky, ze nninginy baka amy foko a ty raza kiraikiraiky, kobay folo roa amby ty fitambarany. Anaizay ty kobay ahy Arona. ⁷Bakeo le nennga i Mosey tanatreha Yaveh tamy lay ty lala ty fanenkea kobay rey. ⁸Hamaraininy le nilitsy tamy ty lay ty lala ty fanenkea i Mosesy, le ingo, le nitiry ty kobay ahy Arona ho amy ty foko a i Levy. Nitiry kibory zay sady namoa fela ty amygdala! ⁹Nandesy i Mosesy niboaky tsy ho anatreha Yaveh amy ty olon'Israely iaby kobay iaby rey, le samby nangalaky ty kobainy iaby ty olo kiraikiraiky. ¹⁰Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Engaho ho aloha ty lala ty fanenkea ty kobain'i Arona. Hajario ho famantara hadisoa hanohitsy olo rey ze nialy zay mba hanasoavanao ty toreo manohitsy Ahy, laha tsy zay le ho maty ndrozy." ¹¹Nanao ze araky ty nandidia Yaveh azy i Mosesy. ¹²Nivola tamy Mosesy ty olon'Israely le nivola hozao: "Ho maty atoy tsika. Ho rava iaby tsika! ¹³Ze miakatsy iaby, ze magnato ty tabernakely ahy Yaveh, le ho maty, Le tsy maintsy ho maty va tsika iaby?"

Chapter 18

¹Hoasa Yaveh tamy Arona: "Iha , anakinao rey, sady ty fokoa ty razanao rey le ho tomponandraikitsy amy fahota iaby vita baka amy ty fitoera masy rey. Fa iha no anakinao raiky avao ro ho tomponandraikitsy amy fahota rey iaby nanovy ty olo tamy ty fisorona. ²Manahaky ty mpiaraky mikamba aminao amy ty fokoa i Levy, fokoa ty razao rey, engaho ho handesinao miaraky aminao ndrozy mba hagnato anaonoho hanampy anao lafa manompo aloha ty lay ty lala ty fanenkea eo iha noho ty anakinao rey.³Engaho hanompo anao noho ty lay iaby ndrozy. Fe tokony tsy hariniky ty raha amy fitoera masy ao ndra mifandramby amy ty alitara ndrozy, fa ho maty ndrozy noho iha koa. ⁴Engaho hananto anao ndrozy sady hikorakara ty trano lay fivoria, ho ahy ty asa iaby mifandramby amy ty lay. Tokony tsy hifananto anilanao vahiny rey. ⁵Tokony handramby ty andraikitsinao iha ho ahy ty firenana masy sady hoahy ty alitara mba tsy hiavia ty heloko amy anak'Israely eo ndraiky.⁶Ingo,Zaho mihintsy ro fa nitingy ty Levita mpiaraky mikamba aminao baka amy tariha Israely rey. Fanomeza hoahinao ndrozy, fa namea Ahy mba hanao ty asa mifanaraky amy trano-lay fivoria. ⁷Fe iha noho ty anakinao rey ro mety hanao ty fisorona mikasiky ty kila raha iaby mifandramby amy ty alitara noho ty raha iaby anay ty lamba. Nareo avao ro tokony hanatsiky andraikitsy rey. Hameako anao ho fanomeza ty fisorona. Ze vahiny mamonjy de engaho ho vonoa."⁸Le hoasa Yaveh tamy Arona: "Ingo, fa nameako anao ty adidy fikirakira fanesy aakatsy Amiko, noho ty fanesy masy ze amea ty anak'Israely Ahy. Fa nameako anao noho ty anakinao ho anjaranao fanesy rey. ⁹Retia ro tena raha masy, noroa tamy ty afo: baka amy ty fanesindrozy iaby--- ty fanesy ho hany iaby, ty fanesy noho ty fahota iaby, sady ty fanesy noho ty hadisoa iaby--- Le vatany masy ho ahinao noho ho ahinanakinao rey.¹⁰Le vatany masy fanesy rey; engaho hihina zay ty lahilahy iaby, fa masy ho ahinao rey. ¹¹Retia aiaby ty fanesy ze ho ahinao: ty fanomezandrozy, ty fanesy azelazela ty anak'Israely iaby. Fa nameako anao ndrozy, anakilahinao rey, noho ty anakampelanao rey, ho anjaranao. Ty iaby ze malio amy ty fombafomba amy ty valy amy ty anakinao le mahazo mihina amy fanesy rey.¹²Ty menaky soa mare biby, ty divay soa biby amy ty divay vaovao noho ty vary, ty veloha ty vokatsy ze amea ty olo ahy---kilaraha rey le fa nameako anao. ¹³Ty vokatsy raha iaby rezay vokatsy velohany ze amy ty tanindrozy eo, le ze andesindrozy Amiko atoy, le ho ahinao. Ze iaby malio amy ty valy amy ty anakinao le mahazo mihina raha rey.¹⁴Ty kila raha natoka amy Israely ao le ho ahinao iaby. ¹⁵Ty kila raha iaby ze mamokatsy, ty teraky velohany iaby ze asesy ty olo ho ahy Yaveh, ty olo noho ty biby miharo, le ho ahinao iaby. Ndra zay aza, engaho ty olo hivily ty anakilahy velohan-teraky iaby ndraiky, le engaho ndrozy hivily ndraiky ty lahy nateraky velohany ty biby maloto rey. ¹⁶Azy fa nivilia ty olo ndraiky le engaho hanampoly hivily afara ty vola . Bakeo le afaky mivily androzy ndraiky ty olo, amy ty viliny sekely limy, araky ty karaza ty lanja ty sekely fitoera masy, ze mifanahaky amy zeraha roepolo.¹⁷Fa ty teraky ty aomby vavvy velohany, ndra ty veloha teraky ty aondry, ndra ty veloha teraky ty aosy--- engaho tsy ampolinareo ho vilia biby rey; fa natoka ho Tiahy rey. Atsipazo amy ty alitara ty lio rey iha sady handoro ty tavindrozy ho fanesy nanovy tamy ty afo, fofa manitsy ankasitraha Yaveh. ¹⁸Ty henandrozy le ho ahinao. Manahaky ty tratra noho ty fe ankavana naakatsy, le ho ahinao ty henandrozy.¹⁹Ty fanesy masy iaby ze asesy ty olo amy Yaveh, fa nameako anao,noho ty anakinao lahy sady ty anakampelanao miaraky aminao, ho zara mifampitohy. Fa nenkea ela mandrakizay amy ty sira zay, fanenkea mamehy mandrakizay, anatreha Yaveh eo ho hinao noho ty tarihanao miaraky aminao."²⁰Hoasa Yaveh tamy Arona: "Tsy hana lova baka amy ty tany ty olo iha, ndra hana anjara amy ty hanagna amy ty olo. Zaho ro anjaranao noho lovanao amy olon'Israely eo.²¹Ho ahy ty ariha i Levy, ingo, fa nanome ty ampaha-folon-kanana iaby a Israely ao ho lovandrozy ho valy ty asa ze nameandrozy amy ty fiasa amy trano-lay fivoria Zaho. ²²Manomboky henany io le engaho ty olon'Israely tsy ho avy hanarikitsy ty trano -lay fivoria, fa ho tompon'andraikitsy amy fahota zay ndrozy sady ho maty.²³Engaho Levita rey hanao ty asa mifanaraky amy trano-lay fivoria. Ho tompon'andraikitsy amy ty fahota mihodidy anizay ndrozy. Ho lala maharitsy heniky ty tariha ty olonao zay. Tokony tsy hana lova amy anak'Israely rey ndrozy. ²⁴Safe ty ampaha folo karena ty olon'Israely, ze nesesindrozy ho fandrambesa anjara Amiko atoy--- rey ro fa nameako ho ahy Levita rey ho lovandrozy. Zay ro nivolaniko tamindrozy hozao: 'Tokony tsy hana lova amy ty anak'Israely ndrozy."²⁵Niresaky tamy Mosesy Yaveh sady nanao hozao: ²⁶"Tokony hivola amy Levita rey iaha sady hivola amindrozy manao hozao: ' Lafa mandramby ty ampahafolony ze baka amy ty anak'Israely ze fa nameako anao bakaamindrozy ho lovanao iha, le hampitoto fandrambesa anjara baka amizay hoahy Yaveh, ampahafolony amy ty fahafolon-kanagna. ²⁷Ty fandrambesanao anjara le tokony ho rambesinao manahaky ty ampahafolo ty voa baka amy ty fikororoha ndra ty famokara baka amy ty fitarazoa voaloboky zay. ²⁸Le engaho avao iha hanao fandrambesa anjara amy Yaveh baka amy ty ampahafolon-kanagna ze rambesinao baka amy ty olon'Israely. Fa baka amindrozy ro tsy maintsy hanomezanao ty anjarany ho ahy Arona mpisoro. ²⁹Ankoatsy ty fanomeza iabby rambesinao, tokony hanao fandrambesa anjara amy Yaveh iha. Tokony hanao zay iha baka amy ty raha soa noho masy mare iaby ze fa namea anao."³⁰Lafa zay le tokony hivola amindrozy hozao:

'Lafa manesy ty soa mare amizay nareo, le tokony hisay ho tiahy Levita rey ho manahaky ty vokatsy baka amy ty fikororoha noho ty fitarazoa voaloboky zay. ³¹Le mahazo mihina ty sisa ty faneseanareo amy ty toera iaby nareo, nareo noho ty valy amy ty anakinareo, safe zay ro karamanareo ho takalo ty asanareo tamy trano-lay fivoria. ³²Tsy ho diso amy zay diso tamy ty fihinana noho ty finoma zay nareo, laha tsy fa nampitoro tamy Yaveh ty soa mare baka amizay nirambesinareo. Fe tokony tsy hampisy dikany fanesy masy rey ty olon'Israely, laha tsy zay le ho maty nareo.'"

Chapter 19

¹Nivola tamy Mosesy noho i Arona Yaveh. Hozao Tiasany: " ²Zao ty lala, lala ze andidiako anareo: Volano ty olon'Israely fa tokony handay aomby vavy kely mena tsy misy handra aminareo eo ndrozy, sady mbo tsy nasia zioga. ³Ameho an'i Eleazara mpisoro ty aomby vavy kely. Handay anizay ambaliky ty toby ie, sady hisy olo hamono zay alohany eo. ⁴Hangalaky lio kely amy ty tanany i Eleazara mpisoro sady hamafy impito anizay aloha ty trano-lay fivoria. ⁵Ty mpisoro hafa le handoro ty aomby vavy kely anatrehany eo. Handoro ty angozany, ty nofitsiny, sady ty lio miarakany amy ty tainy ie. ⁶Tokony hangalaky hazo sedera ty tompony, hysopa, noho ty volo ty aondry mena, le hanoraky zay anivo azy aomby vavy kely mirehity. ⁷Akeo le tsy maintsy manasa ty sikiny noho miandro amy ty rano ie. Sady mba ho afaky ho an-toby, ze hipetraka ty maloto zisiky andro haly ie. ⁸Ze nandoro ty aomby vavy kely le hanasa ty sikiny amy ty rano sady hiandro amy ty rano. Hijano haloto zisiky maha haly ty andro ie. ⁹Hamory ty lavenoky ty aomby vavy ty olo malio sady hanenga zay amy ty toera malio ambaliky ty toby. Lavenoky rey le ho hajarina ho amy ty fiaraha mony ty olo ahy Israely. haharo amy ty rano ty lavenoky amy ty rano fanasa ty fahota ndrozy, safe ty lavenoky le avy amy ty fanesy noho ty fahota. ¹⁰Ze namory ty lavenoky ty aomby vavy kely le hanasa ty sikiny. Hijano haloto zisiky hariva Ie. Zay le ho lala maharitsy hoe ty olon'Israely sady hoahy ty vahiny ze mipetraky miarakany amindrozy. ¹¹Ndra ia ndra ia mitolo fatin'olo le maloto zisiky fito andro. ¹²Azy olo zay le tsy maintsy manasa ty vatany amy ty fahatelo ty andro noho amy ty faha fito ty andro. le halio ie. Fa laha tsy manasa ty vatany amy ty faha telo ty andro ie, le tsy halio amy ty faha fito ty andro. ¹³Ndra ia ndra ia mitolo ty faty olo, ty vata ty olo fa maty, le tsy manasa ty vatany--- azy olo zay le mandoto ty tabernakelin'Yaveh. Azy olo zay le ho rava amy Israely eo safe tsy namafy tamy ty rano ho taiahy falotoa. hijano haloto ie; ty lotony le hipetraky aminy. ¹⁴Zao ty lala laha misy olo maty an-day ao. Ze iaby mandeha amy lay ao noho ze fa tao iaby le hasesy zisiky faha fito ty andro. ¹⁵Ty fipetraka ty raha mivoha iaby tsy misy lombony le haloto. ¹⁶Manahaky anizya koa ndra ia ndra ia ambaliky ty lay le mikasiky ty olo ze nimaty ty mesobe, dra faty ty olo hafa, ndra taolan'olo, ndra lolo--- azy olo zay le haloto zisiky ty fito andro. ¹⁷Anovo hoahy ty olo maloto zao: Mangala lavenoky baka amy fanesy oroa noho ty ota le ampiharo anay ty siny ao miarakany amy ty rano rey. ¹⁸Ty olo ze malio le hangalaky hysopa, androboky zay anay rano ao, ka hamafy zay amy ty lay, amy ty fipetrahan-draha iaby anay ty lay, amy olo ze eo, sady amy ze iabby mitolo ty taola, ze novonao, ze nimaty, ndra ty lolo. ¹⁹Amy ty andro fahatelo noho amy ty fahafito ty andro, ty olo malio le hamafy zay amy ty olo maloto. Amy ty fahafio ty andro ty olo maloto le hanasa ty vatany. Hanasa ty sikiny noho hiandro amy ty rano ie. Halio ie lafa hariva. ²⁰Fa ze iaby mijano haloto, ze tsy manenky hana ty vatany---azy olo zay le ho rava amy ty fiaraha-mony, amy ty fandotoany ty fitoera masy ahy Yaveh. Tsy nafafy tamy ty rano ho amy ty fahalotoa; hijano haloto ie. ²¹Ho lala mitohy mikasiky ty toe-javatsy rey zay. Ze mamafy ty rano ty fahalotoa le hanasa ty sikiny. Ze mitolo ty rano ty fahalotoa le haloto zisiky hariva. ²²Ndra ino ndra ino ro tolomy ty olo maloto le haloto zay. Ty olo ze mitolo zay le haloto zisiky hariva."

Chapter 20

¹Le ty olon'Israely, ty lahara iaby, le mba anefitsy i Zina tamy ty veloha ty vola; niegny ta Kadesy ndrozy. Tany i Miriama ro nimaty noho nalevy.²Tsy nisy rano haohy ty filahara, le niaraky nivory hanohitsy an'i Mosesy noho i Arona ndrozy. ³Nitoreo tamy Mosesy ty olo. Hozao tiasandrozy: "vatany soa laha maty tanatreha Yaveh zahay!"
⁴Nanino ro nandesinao mba ho maty aefitsy atoy ty filahara Yaveh, le zahay noho ty biby fiharinay? ⁵Nanino ro nampakarinao hiboaky baka Egypta nanday anay amy ty toera mampangaro haro toy? Ingo tsy misy voa, aviavy, voaloboky, ndra apongaben-danitsy atoy, sady tsy misy rano mba hinomy.⁶Le niala tanatreha ty filahara i Mosesy noho i Arona. Nilitsy tamy ty filira amy trano-lay fivorina ndrozy le nandohaliky, le niboaky tamindrozy tao amy fimpiriaky ty voninahitsy Yaveh.⁷Niresaky tamy Mosesy yaveh le nanao hozao: ⁸"Alao ty kobay le vorio ty filara. Mivolana amy lafiambato amasondrozy, le mamdidia mba hiboaky rano zay. Hiteraky rano hoahindrozy baka amy ty lafiambato iha, sady tsy maintsy amenao ty filahara noho biby fihary rey mba hinomany zay." ⁹Nirambesany Mosesy baka aloha Yaveh teo ty kobay, le ty nandidia Yaveh azy mba hanovy.¹⁰Le nivoria i Mosesy noho i Arona taloha ty lafiambato eo ty olo. Hoasa i mosesy tamindrozy: "henanizao mijanjina, nareo mpanaboka. Vasa tsy hampiboaky rano baka amy lafiambato toy va zahay?" ¹¹Le nampitsanga ty tanany i Mosesy le namango indoa ty lafiambato tamy ty kobay, le rano lako ro niboaky. nino ty filahara, noho ty biby fiharinay.¹²Le hoasa Yaveh tamy Mosesy noho i Arona: "Safe tsy natoky noho nanome voninahitsy Ahy ho masy ta imaso ty olo ty Israely teo nareo, le tsy handay ty fiangona amy ty tany ze fa nameako androzy nareo." ¹³Ty toera toy le nikaiha hozao rano ahy meriba safe teo ro nifamaly tamy Yaveh ty olon'Israely, sady nampitro ty vatany tamindrozy ho masy le.
¹⁴Naniraky mpanday hafatsy baka a Kadesy ho amy mpanjaka i Edoma i Mosesy: "Zao t vola Israely ze rahalahinao: "Hainao ty aly sarotsy ze fa nahazo anay. ¹⁵Hainao fa nijotso baka Egypta naharitsy fotoa ela. Nanday anay tamy ty fahasahia noho ty razanay avao koa Egyptiana rey. ¹⁶Lafa nikaiky mare ahy Yaveh zahay, le nahare ty feonay le le nandefa anjely le nanday anay niboaky baka Egypta tao. Ingo, a Kadesy atoy zahay, tana raiky amy ty faritsy ty taninao eto.¹⁷Mangataky aminao zaho mba hanenganao anay handalo mbamy tanninao eo. Tsy handalo amy ty baibo ndra tany ty voaloboky, ndra hino rano amy ty fatsakanao zahay. Handeha amy ty lalambe ty mpanjaka zahay. Tsy hibio ankavana ndra ankavia zahay zisiky hiavianay amy ty sisiny ty taninao."¹⁸Fa ty mpanjaka i Edoma namaly azy hozao: "Tsy mahazo mandrio eto nareo. laha mandrio nareo, le ho avy moiaraky amy ty mesobe hanafiky anareo zaho." ¹⁹Le nanao hozao taminy ty olon'Israely: "Hanapatapaky ty lalambe zahay. Laha mino ty ranonanao zahay ndra ty biby fiharinay, le honeranay zay. Engaho avao zahay mba handeha tongotsy, fa tsy hanao raha hafa."²⁰Fa ty mpanjaka ahy Edoma nanao hozao: "Tsy mahazo mandrio nareo." Le niavy nanisy an'Israely ty mpanjaka i Edoma niaraky tamy ty tana mahery ty miaramila lako mare rey. ²¹Tsy nanenky hanenga an'Israely hiampita tamy ty sisiny-tamindrozy ty mpanjaka i Edoma. Lafa zay, le nibio tamy ty tany ahy Edoma ty Israely.²²Le niala ta Kadesy ty olo. Ty olon'Israely, ty filahara iaby, mba anabo ty vihtsy i Hora.
²³Nivola tamy Mosesy noho i Arona tanabo ty vohitsy Hora Yaveh, fa amy ty sisitany ahy Edoma. Hozao tiasany: "
²⁴Tsy maintsy ampiaraha amy ty olon'i Arona, fa tsy hilitany amy ty tany ze fa nameako ty olon'Israely ie. Zay le safe samby nanaboka nanohitsy ty safako tamy ty rano ahy Meriba nareo."²⁵Alao i Arona noho Eleazara anakilahinay, sady andeso miakatsy anabo ty vohitsy i Hora ndrozy. ²⁶Alao amy Arona ty siky fisorona le ampananovo an'i Eleaza anany. Tsy maintsy ho maty i Arona sady ampiaraha amy ty olo any."²⁷Nanao arakyze nandidia an'Yaveh i Mosesy. Niakatsy tambohitsy Hora ta imaso ty filahara iaby ndrozy. ²⁸Napota i Mosesy ty siky fisorona ahy Arona le nampisikininy ahy Eleazara anakiny rey. Maty tanabo ty vohitsy i Arona. Le nijotso i Mosesy noho Eleazara. ²⁹Lafa hita ty filahara iaby fa maty i Arona, le nisaoana naharitsy teopolo andro ty firenena iaby.

Chapter 21

¹Lafa re ty Kananita mpanjaka ahy Arada, ze nipetraky ta Negeva, fa nandeha tamy ty lala mba Atarima ty Israely, le nialy tamy Israely ie sady nangalaky ty ilany tamindrozy ho nisambory. ²Nivoady tamy Yaveh ty Israely le nanao hozo: "Laha ameanao fandreseha amy olo rey zahay, le ho ravanay mihintsy ty tanandrozy." ³Nijan'ny ty feon'Israely Yaveh sady nanome androzy fandreseha amy kananita rey. Noravandrozy mihintsy ty tanany. Horma ro nikaiha zay. ⁴Niala baka ambohity i Hora nandalo mba my lala amy Riaky Mena ndrozy mba handeha hiodidy ty tany ahy Edoma. Le vatany kivy ty olo tan-dala teny. ⁵Niresaky nanohitsy an-Ndranahary noho i Mosesy ty olo nanao hozo: "Nanino zahay ro nandesinao niakatsy niboaky an'Egypta mba ho maty anefitsy atoy? Tsy misy mofo, tsy misy rano, sady hejinay ty hany fijalia toy." ⁶Bakeo nandefa bibilava misy poizytamy olo teo. Nihina ty olo bibilava rey; maro ty olo nimaty. ⁷Namonjy an'i Mosesy ty olo sady nanao hozo: "Nanota zahay safe niresaky nanaboka anao noho Yaveh. Mivbavaha amy Yaveh mba hangalany bibilava rey aminay." Le nivavaky ho ahy ty olo Mosesy. ⁸Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Manamboara bibilava le feheo amy kozay lava zay. Ze voahehity iaby le ho velo, laha magnety zay ie." ⁹Le nanamboatsy bibilava saba i Mosesy le namehy anizay tamy ty kobay lava. Laha nankekitsy olo ty bibilava, laha nagnety ty bibilava saba ie, le velo. ¹⁰Bakeo nandeha ty olon'Israely le nivory ta Obota tao. ¹¹Nandeha bakao le nivory ta Leabarima ta anefitsy ze mifanatriky amy Moaba tandrify antinana ndrozy. ¹²Niala bakao ndrozy le nivory tamy baibo maiky Zareda. ¹³Niongaky tao ndrozy le nivory tampita ty renirano ahy Arnona, ze anefitsy any ze miitatsy baka amy ty faritsy ty tany rey Amorita rey. Ty renirano ahy Arnona ro faritsy ty tany Moaba, anelanela i Moabita noho Amorita rey. ¹⁴Zay ty antony hivolana amy ty horonan-taratasy ahy Adin'yaveh hozo: "Vaheba any Sofa, sady ty baibo an'i Arnona, ¹⁵ty lavaky amy ty tana i Ara le mijotso mbamy faritsy ty tany ahy Moaba." ¹⁶Niala tao ndrozy le nandeha mbamy Bera, azy misy fantsaka ze nivolana Yaveh hoizao tamy Mosesy: "Vorio miaraky ty olo mba hanomezako rano androzy." ¹⁷Bakeo nihira ty hira toy Israely: "Miboiboiky, lahy fantsaka. anovo hira zay. ¹⁸Azy fantsaka ze nihalia ty mpitariky antsika, azy fantsaka nihalia ty manam-boninahitsy ty olo tamy ty kobay ty mpanjak noho ty kobaindrozy." Bakeo le niala tanefitsy ndrozy le mba Matana any. ¹⁹Niala ta matana ao ndrozy le nandeha ta Nahaliela, le baka a Nahielao nandeha a Bamota, ²⁰le baka Bamota nandeha ambaibo ty tany Moaba. Anabo ty vohitsy Pisga eo ro nahatalaky ty tany efitsy. ²¹Bakeo nandefa mpanday hafatsy Israely ta amy Sihona mpanjaka an'i Amorita nanao hozo: ²²"Engaho zahay hanapatapaky ty taninao. Tsy hiodaky amy ty baibo iaby ndra ty tany voaloboky zahay. Tsy nino ty rano baka amy fantsaka eo zahay. Handeha amy ty lala ty mpanjaka zahay zisiky hiampitanay ty faritsy ty taninao." ²³Fa tsy nenga i Sihona mpanjaka handrio ty faritsy ty tanindrozy ty Israely. Fe, namory ty miaramilany i Sihona mpanjaka le nanafiky an'Israely tanefitsy tany. Niavy ta Jahana ie, ze nialiany tamy Israely. ²⁴Nanafiky ty miaramila i Sihona tamy ty mesobe ty Israely sady nangalaky ty tanindrozy baka Arnona eo le zisiky amy ty renirano ahy Jaboka, baka amy ty tany ty olon'Amona. ²⁵Nangalaky ty tana ty Amorita iaby ty Israely sady nipetraky tamindrozy iaby, anay zay i Hesboba noho ty hamo iaby. ²⁶Hesbona ro tana i Sihona mpanjaka ahy Amorita rey, ze nialy tamy mpanjaka i Moaba taloha teo. Nalay Sihona iaby ty taniny zisiky amy ty faritsy ty taniny le baka amy renirano ahy Arnona. ²⁷Zay ty antony ivolanandrozy ze miresaky amy ty ohabola hozo: "Avia a Hesbona atoy. Tokony hatsanga ndraiky ty tana i Sihona. ²⁸Nisy afo nandoro baka a Hesbona ao, belak'afao baka amy tana i Sihona ao ze nampitranaky ty ahy Ara ahy Moaba, noho ty tompo ty toera anabo ahy Arnona. ²⁹Loza ho ahinao, lahy Moaba! rava iha, lahy olo ahy kemosy. Nanoviny ho mpilay ty anakilahiny sady gadra i Sihona mpanjaka ahy Amorita rey anakampelany. ³⁰Fa resinay Sihona. Rava hesbona le rava baka amy ty lala iaby mba Dibona any. Resinay tamy ty lala mba Nofa iaby ndrozy, ze mahazo amy Medeba." ³¹Le nanomboky nipetraky tamy ty tany ty Amorita rey teo Israely. ³²Bakeo nandefa olo hagnety an'i Jezera i Mosesy. Nalandrozy ty hamo sady noroasindrozy ze Amorita tao. ³³Bakeo niodaky ndrozy sady niakatsy ho amy ty lala mba Basana any. Niboaky nanaboka androzy i Oga mpanjaka atiahy Basana, ie noho ty miaramilany, mba hialy amindrozy a Edrehy any. ³⁴Bakeo nivola tamy mozesy hozo Yaveh: "Ka mavaka azy, safe nameako fandreseha amminy eo, ty miaramilany iaby, sady ty taniny iha. Anovo aminy ty nanovinao tamy Sihona mpanjaka tiahy Amorita, ze mipetraky a Hesbona." ³⁵Le nivonoandrozy ie, anakilahiny rey, sady ty miaramilany iaby. Bakeo le nalandrozy ty taniny.

Chapter 22

¹Nandeha zisiky ty nivoriandrozy tamy ty tany ambany ahy Moaba anila i Jeriko, tampita ty renirano ahy jordana miala amy tana eo ty olon'Israely.²Nahita ze raha nanovy Israely iaby tamy ty Amorita i Balaka anaky Zipora.
³Navaka mare ty olon'Israely i Moaba safe lako mare ndrozy, le nangitikitiky tamy ty olon'Israely i Moaba.⁴Nivola atamy ty be ty Midiana ty mpanjaka i Moaba nanao hozao: "Hihina ty iaby ze mihodidy antsika amanahaky ty fihinana ty aomby akata am-baibo eny azy lako rey." Le balaka anaky Zipora ro mpanjaka i Moaba tamy fotoa zay.⁵Nandefa iraky ho amy Balama anaky beora, ta Petora tao ze tanila ty renirano i Eofrata, tamy ty tany ty fireneny noho ty olony ie. Nikaiky azy ie le nanao hozao: "Ingo, misy firenena baka a Egipta any niavy etoa. Mameno ty tany ndrozy sady anilako eto i henanizao."⁶Le miavia lahy henany io le ozono ho tiahy zay firenena zay. Vasa mba afaky hanafiky androzy noho handroaky androzy amy ty tany zaho. Haiko fa ndra ia ndra ia tahianao le ho tahia, sady ndra ia ndra ia hozoninao, le ho voaozo."⁷Le nandeha ty mpitariky ty Moaba rey noho ty mpitariky ty Mediana, nanday ty vily ty sikily. Niavy ta Balama teo ndrozy le nivola taminy ty safa i Balaka.
⁸Hoasa i Balama tamindrozy: "Mipetraha eto androany haly. Hivola anareo ze nivola Yaveh tamiko zaho." le nipetraky tamy Balama tamy halyio mpitariky moab rey.⁹Niavy tamy Blama teo Ndranahary le nanao hozao: "Ia ty lahilahy ze niavy aminao etpya rey?"¹⁰Namaly Andranahary i Balama nanao hozao: "Balaka anaky Zipora, mpanjaka ahy Moaba, ro naniraky androzy ho mbamiko atoy. Hoazao tiasany: "¹¹Ingo, ty olo baka Egipta any le mameno ty vera ty taniko. Henanizao miavia le hozono ho tiahy ndrozy. Vasa hahavita hialy amindrozy noho handroaky androzy zaho."¹²Namaly an'i Balama Ndranahary nanao hozao: "Tsy handeha miaraky amy lahilahy rey iha. Tsy hanozo ty olon'Israely iha safe fa notahia ndrozy."¹³Lafa maray le nitsanga i Balama le nivola tamy ty mpitariky Balaka hoizao: "Mimpolia amy ty taninareo safe tsy nanenky ahy hiaraky aminareo Yaveh."¹⁴Le nandeha mpitariky Moaba rey le nimpoly tamy Balaka. Hozao tiasandrozy: "Tsy nanenky hanoriky anay i Balama."¹⁵Naniraky mpitariky ze lako voninahitsy mre mandilatsy azy lahara velohany ndraiky i Balaka.¹⁶Niavy tamy Balama ndrozy le nanao hozao taminy: "Zao ty vola i Balaka anaky Zipora: 'Engaho lahy tsy hisy ndra ino ndra ino hanaka anao tsy hanoriky anay, "¹⁷safe handoa soa mare mandilatsy noho hanome voninahitsy bevata ho ahinao zaho, sady hanao ze iaby volaninao hanoviko. le mba miavia lahy le ozono ho tiahy zay olo zay."¹⁸Namaly i Balama le nanao tamy lahilahy Balaka rey hozao: "Ndra hanome ahy ty lapany atsiky folafoty noho volamena aza i balaka, le tsy handilatsy ty safa Yaveh, Ndranahariko, ka handatsaky ndra hampitombo ze nivolanikoanao zaho."¹⁹Henanizao, mba mandinasa androany haly etoa avao koa lahy, mba hahazako ty raha maro ze hovolany Yaveh amiko."²⁰Lafa haly le niavy tamy Balama Yaveh le nanao hozao: "Safe niavy mba hikaiky anao lahilahy rey, le miongaha le manoriha androzy. fe ze nivolaniko anao hanovo avao ro anovo."²¹Nifoha maray i Balama, nannisy pipetraha ty borikiny, le nandeha ananoriky ty mpitariky Moaba.²²Fe safe nandeha avao ie, le nirehitsy ty heloky Ndranahary. Nipetraky tan-dala manahaky ty mpifahavalo amy Balama, ze nitikitsy ty boriky ty anjely Yaveh. Niaraky taminy avao koa ty mpanompo ty Balama roe.²³Nahita ty anjely Yaveh nitsanga tan-dala azy boriky iny le nisy mesobe nitsoahy tan-tanany teny. Niala tamy ty lala ty boriky le nandeha ambaibo. Namango ty boriky mba hampipoly azy amy lala i Balama.²⁴Le nitsanga tamy ty faritsy maifitsy tamy ty lala anelanela ty tany ty voaloboky lako azy anjely iny, le nisy lakoro tamy ty sisiny sady lakoro raiky hafa tanilany teo.²⁵Nahita ty anjely tiahy Yaveh ndraiky ty boriky. Nampihetsiky ty rindry ie le nipiritsy ty tombo i Balama tamizay. Nivangoa i Balama ndraiky ie."²⁶Nandroso avao ty anjely Yaveh sady nitsanga tamy ty toera maifitsy hafa ze tsy misy lala hiodaha ty ilany noho ty ilany.²⁷Nahita ty anjely Yaveh azy boriky iany, le niravoky tamy ty tany tambany Balama tao. Nirehitsy ty heloky Balama, le nivangoany tamy ty kobainy azy boriky iny.²⁸Le namoha ty vava azy boriky iny Yaveh mba hivola ie. Hoasany tamy Balama: "Ino ro nanoviko anao mahavy anao hamango ahy intelo zay?"
²⁹Namay azy boriky iny i Balama le nanao hozao: "Safe misarigegy tamiko iha. Tokony mba nisy mesobe tamy tanako tetoy. Fa laha nisy, fa nimatiko iha henanizay."³⁰Hoasa boriky iny tamy balama: "Vasa tsy zaho va azy borikinao ze nitikiranao zisiky ty havelomanao iaby zisiky henanikio? Vasa fa nanazatsy ahy va ty nanao raha manahaky toy taminao zaho taloha?" Hoasa i Blama : "Aha."³¹Le nampanentea Yaveh ty maso i Balama, le nahita ty anjely Yaveh nitsanga tamy lala teo sady misy mesobe notsoahy baka antanany eny ie. Nampiondriky ty lohany le nandohaliky i Balama.³²Hoasa azy anjely Yaveh iny taminy: "Nanino no nivangoanao inteo zao ty borikinao? Ingo, avy manahaky ty mpifahavalo aminao zaho safe raty ty raha nanoviana talohako."³³Nahita ahy ty boriky le niala ahy intelo zay. Laha tsy niala ahy ie, le fa nitentako vatany iha fa zaho hamelo azy."³⁴Hoasa i Balama tamy azy anjely Yaveh iny: "Nanota zaho. Tsy haiko hoe nitsanga tan-dala talohako teo iha. Henanizao, laha tsy mahafaly anao zay, le himpoly zaho."³⁵Fe hoasa i Anjely Yaveh iny tamy Balama: "Mandina manoriky lahilahy rey. Fe ty safa ze nivolaniko anao avao ro ho volaninao." Le niaraky tamy ty mpitariky Balaka i Balama.³⁶Lafa re i Balaka fa avy Balama, le niboaky hitsena azy tan-tana i Moaba ta Arnona ie, ze tamy faritsy ty taniny.³⁷Hoasa i

Balaka tamy Balama: "Vasa tsy naniraky lahilahy mba hikaiky anao zaho? Nanino iha tsy niavy tamiko tatoy? Vasa tsy afaky manome voninahitsy anao zaho?"³⁸Le namaly any Balaka i Balama nanao hozao: "Ingo, fa avy aminao eto zaho. Vasa hana fahefa hivola raha zaho henanio? Azy safa ze nenga Yaveh ambavako ao avao ro azoko volany." ³⁹Niaraky tamy Balaka i Balama, le niavy ta Kiriata-hozota ndrozy. ⁴⁰Le nanao soro aomby noho aondry i Balaka le nanome hena ho tiahy balama noho mpitariky ze niaraky taminy rey.⁴¹Lafa maray, le nanday an'i Balama niakatsy tamy ty toera anabo i Bala i Balaka. Ty ila ty Israelita tan-tobindrozy ro nihita i Balama baka eny.

Chapter 23

¹Hoasa i Balama tamy Balaka: "Manamboara alitara fito etoa ho tiahy sady anomano aomby lahy fito noho aondry fito." ²Le nanovy Balaky ze nangatahy i Balama. Le nanesy aomby raiky noho ty aondry raiky tamy alitara iaby teo i Balaka noho i Balama. ³Le hoasa i Balama tamy Balaky: "Mitsangana anila ty fanatitsy oroanao le handeha zaho. Vasa ho avy hamonjy ahy Yaveh. Ndra ino ndra ino atorony ahy le ho volaniko aminareo." Le nandeha mbamy tendr ty vohitsy tsy nisy hazo ie. ⁴Lafa tatendro ty vohitsy ie, le nifanojo taminy NJanahary, le hoasa i Balama taminy: "Fa namboatsy alitara fito zaho, sady fa nanolotsy aomby lahy raiky noho ty aondry raiky avy baka amy ty kiraikiraiky." ⁵Nanenga havatsy tambava i Balama Yaveh le nivola hozao: "Mimpolia amy Balaka any le mivolana aminy." ⁶Le nimpoly tamy Balaka any i Balama, ze nitsanga tanila ty fanatitsy oroany, sady ty mpitariky an'i Moaba iaby le niaraky taminy. ⁷Le nanomboky nivola ty faminany i Balama le nivola hozao: "Fa mnanday ahy baka amy Arama any, ty mpanjakan'i Moaba baka amy ty vohitsy antinana i Balaka. 'Avia, ozono ho tiahy i Jakoba; hoy tiasany. 'Avia, bokao i Israely.' ⁸Amy ty fomba manao akory ro anozonako ze mbo tsy nohozonon-Janahary? Amy ty fomba manao akory ro hibokako ze tsy nibokan-Janahary rey?" ⁹Baka anabo ty vato ako ro ahitako Azy; Baka amy vohitsy eny ro hanenteao Azy. Ingo, misy olo ze mipetraky raiky sady tsy mihevitsy ty vatany ho firenena tsotra. ¹⁰Ia ty afaky hanisaky ty posieran'i Jakoba ndra manisaky ndra ty fahefan'Israely aza? Engaho ho may amy ty fahafatesa ty oloto zaho, sady engaho ty fahafaha ty fiaky hanahaky ty azy!" ¹¹Hoasa i Balaka tamy Balama: "Ino ty nanovinao tamiko toy? Nandesiko nanozo ty vahavaloko iha, fe ingo, notahiana ndrozy." ¹²Hozao ty safa namalian'i Balama: "Tsy tokony hidary ty hivola ze nenga Yaveh am-bavako eo avao va zaho?" ¹³Hoasa i Balaka taminy: "Mba manoriha ahy ho amy tyt toera hafa ze hahafahanao mahita androzy. Ho hitanao ty marikitsy mare amy rey, fe tsy ndrozy iaby. Any ty hanozonanao androzy ho tiahy." ¹⁴Le nandesiny tam-baibo ahin'i Zofima i Balama, tanabo ty vohitsy Pisga, le namboatsy alitara fito hafa ie. Nanome aomby lahy raiky noho aondry raiky tamy alitara kiraikiraiky teo ie. ¹⁵Bakeo le hoasa i Balama taminy: "Mitsangana anila ty fanatitsy oroa eto, lafa mbo hamonjy an'i Yaveh anabo eny zaho." ¹⁶Le namonjy an'i Balama i Yaveh sady nanenga hafatsy tambavany. Hoy tiasany: "Mimpolia amy Balaka any sady volano amy y hafatsiko." ¹⁷Nimpoly taminy any i Balama, le ingo, nitsanga tanila ty fanatitsy oroany ie, sady niaraky tamy ty mpitariky ahy Moaba rey. Le hoasa i Balaka taminy: "Ino ty raha nivolan'Yaveh?" ¹⁸Natombiky i Balama ty faminania. Hoy tiasany: "Mitsangana, lahy Balaka, sady mijanjina. Janjino zaho, iha ry anaki'i Zipora." ¹⁹Tsy olo Ndranahary, ka le havandy, ndra olombelo, le hivaly hevitsy. Fa nampitama raha ka le tsy nanoviny va Ie? Fa nivola va Ie fa tsy hanao raha ka le tsy nitanterahany zay? ²⁰Ingo, fa nolilia zaho mba hitahy. Fa nanome fitahia Ndranahary, sady tsy afaky hamaliky zay zaho. ²¹Tsy nahitaky aly sarotsy tamy Jakoba ndra fijalia tamy Israely tao Ie. Miaro androzy Yaveh Ndranaharindrozy, sady amindrozy ty korakoraky ho tiahy Mpanjakany. ²²Ndranahary ty hanaday androzy avy baka Egypeta tany tany ty hery manahaky ty vondro ty aomby ly. ²³Tsy misy voriky ze mahazo an'i Jakoba, sady tsy misy zara vinta hahazo raty an'Israely. Fe, engaho ho volany amy Jakoba noho Israely hoe: "Hentao ze nanovin-Dranahary!" ²⁴Ingo, mmitsanga manahaky ty lion vavy ty olo, manahaky ty fiboaha ty lion le tsy manisany. Tsy matoritory ie laha tsy mihina ty hazany sady mino lion'zay nilentany." ²⁵Le hiasa i Balaka tamy Balama: "Ka manozo androzy ndra mitahy androzy mihintsy." ²⁶Namaly Balama le nivola tamy Balaka hoizao: "Fa tsy nivola taminao va zaho fa tsy maintsy mivola ze nampanoviny Yaveh ho volaniko?" ²⁷Le namaly an'i Balama i Balaka hoe: "Avia moa, handesiko amy toera hafa iha. Vasa hahafaly an-Dranahary ty hanozonanao androzy ho tiahy any." ²⁸Le nandesin'i Balaka tanabo ty vohitsy Poera, ze mahatalaky ty tany efitsy i Balama. ²⁹Hoasa i Balama tamy Balaka: "Manamboara alitara fito eto sady minomana aomby lahy fito." ³⁰Le nanao araky ze nivolany Balama i Balaka; nanome aomby lahy raiky noho aondry raiky tamy alitara kiraikiraiky teo ie.

Chapter 24

¹Lafa hita i Balama fa te ty Yaveh ty hitahia an'Israely, le tsy nandeha nanao sikily, manahaky ty andro taloha ie. Fe nagnety mba amy tany efitsy any.²Nanenty ty masonry ie le nahitaky fa nilahatsy saky ty fokoany iaby ty Isaraely, sady nniavy taminy ty fanahin-Dranahary.³Naharamby faminania manao hozao ie: "Fa hivola i Balama anakilahy Beora, azy lahilahy ze maneritsy maso."⁴Mivola noho mahare ty safan-Dranahary ie. Mahita fahita baka amy Tsitoha ie, ze alohany eo ty handoalihany amy ty masonry mineritsy.⁵Ty hasoa ty lainao, lahy Jakoba, ty toera ze ipetrahanao, lahy Israely!⁶Manahaky tyranoze ro fitapezandrozy, manahaky ty zariday anila ty renirano, manahaky ty vaho ze nambolea Yaveh, manahaky ty sedera anila ty rano.⁷Mikoroso baka antsindrozy ty rano, sady ty voa ze natselikiny rey le soa tondraky. Ty mpanjakandrozy le ho abo mandilatsy an'i Agaga, Sady ty fanjakandrozy le homea voninahitsy.⁸Ndranahary ro manday azy miboaky a Egipta any, amy ty tanjaky manahaky ty aomby ly. Haramany ty firenea ze hialy ndrozy rey Ie. Hahatoro ty taolandrozy Ie. Hitifitsy androzy amy ty kititsy Ie.⁹Mioetsy manahaky ty liona Ie, manahaky ty liona vavy. Ia ro mahasaky hankadala Azy? Ze mitahy azy le ho tahia; ze manozo azy le voahozo."¹⁰Nasiaky tamy i Balama ty heloky Balaka sady nampiboaky ty tanany tamy ty heloky ie. Hoasa i Balaka tamy Balama: "Mikaiky anao mba hanozo ty fahavaloko zaho, fe ingo, fa intelo nitahy androzy iha."¹¹Le engaho zaho henany io le molia. Nivola hanome raha soa ho tiahinao zaho, fe Yaveh fa nangalaky anao tamy ty fahazoa fanomeza."¹²Le hoasa i Balama namaly an'i Balaka: "Novolaniko tamy ty mpanday hafatsy ze nampandinao tamiko tatoy fa."¹³Ndra hanome ty lapany atsiky volafoty noho volamena ahy aza i Balaka, le tsy afaky handilatsy ty safa Yaveh noho ty raha soa ndra raty, ndra ty raha teako hanovy zaho. Ze nivolan'Yaveh ahy avao ro azoko volany.' Tsy nivolaniko tamindrozy rey va zay? "¹⁴Le i henanizao, himpoly amy oloko zaho. Fe engahonao zaho hamapatsy anao ze hanovy ty olo rey amy ty olonao amy ty fotoa ho avy."¹⁵Manombky zao faminania zao i Balama. Hoy tiasany: "Balama anaky Boera ro mivola, azy lahilahy ze mivoha maso."¹⁶Zao ty faminania azy olo ze nahare safa baka amin-Dranahary, ze mana fahalala baka amy ty Anabo Biby, ze mana fahita baka amy azy Tsitoha, ze alohany eo ro handohalihany amy ty fahita¹⁷Mahita Azy zaho, fe tsy eto Ie henany io. Manenty Azy zaho, fe tsy anilako eto Ie. Hisy kinta hiboakyy baka may Jakoba, sady bokaim-panjaka hisondrotsy baka amy Israwly. Hotorotoroa ty mpiatariky ahy Moaba ie sady handrava ty tariha i Set iaby.¹⁸Le nanjary hanagna Israely i Edoma, sady i Seira avao koa le hanjary hanagnandrozy, Ty fahavalon'Israely rey, ze nivolan'Israely amy ty hery.¹⁹Baka my Jakoba ro hiavia ty mpanjaka ze mana ty fanampaha, sady handrava ze ilany tsy maty amy ty tana ndrozy ie."²⁰Le nagnety an'i Ameleka i Balama sady nanomboky ty faminaniany. Hoy tiasany: "Ameleka le efa be mare tamy firenena taloha rey, kanefa le ho faharava ro ho niafarany."²¹Bakeo le nagnety tamy kenita rey i Balama sady nanomboky ty faminaniany. Hoy tiasany: " ty toera ze itoeranareo le mahery, ssady ty anilanareo le amy ty harakam-bato."²²Ndra zay aza le ho rava i Kaina lafa manday anao ho andevo i Asyria."²³Le nanomboky ty faminaniany farany i Balama. Hoy tiasany: "Loza! Ia ro ho velo lafa hanao zay Ndranahary?"²⁴Hisy sambo ho avy amy sisin'i Kitima any; hanafiky an'i Asyria noho handresy an'i Ebera ndrozy, Fe le ho faharava avao koa ty hiafara ndrozy."²⁵Bakeo le niakatsy i Balama sady nandeha . Noly tan-tranony tany ie, sady nandeha avao koa i Balaka.

Chapter 25

¹Nipetrekny ta Israely, sdy nanomboky nandranto tamy ty ampela ahy Moaba lahilahy rey, ²fa Moabita rey namory ty olo ho amy ty soro ho tiahin-Dranaharindrozy. Le nihina noho nandohaliky tamy ndranahary hy Moabita ty olo. ³Nanampy lahara tamy ty faompoa ahy Bala Peora lahilahy tiahy Israely rey, le niazo ty helokiny Yaveh ty Israely. ⁴Hoasa Yaveh tamy Mosesy: "Vono iaby ty mpitariky ty olo le ahantono miatriky ahy ndrozy mba ampisehoa androzy amy ty andro, zay le mba hiala amy Israely ty ty siaky ty heloko." ⁵Le hoasa i Mosesy tamy mpitariky Israely rey: "Ty kiraikiraiky aminareo le tsy maintsy hamono ty olony ze nanampy lahara tamy ty fanompoa an'i Bala Peora." ⁶Bakeo le nagnato ty raiky tamy ty lahilahy tiahy Israely rey le nanday ampela Midianita raiky tamy ty longony. Niseho ta imaso i Mosesy noho ty vondrony ty olon'Israely iaby zay, laha mbo nitany tamy filira tamy trano-lay fivoria teo ndrozy. ⁷Lafa nitan'i Fihenasa anakilahin'i Eleazara ankilahin'i Arona mpisoro zay, le nitsanga baka amy ty vondrony ie sady nandramby lefo tan-tanany eny. ⁸Nanoriky ty lahilahy Israelita tanay ty trano-lay tao ie le nampitsatoky ty lefo tamy ty vatan-drozy roe rey, ndra ty lahilahy Israelita ndra azy ampela. Le nieny ty arety mamono ze nalefan-Dranahary tamy ty olon'Israely. ⁹Roe aly noho efatsy arivo ty isaky ty maty arety mamono. ¹⁰Nivola tamy Mosesy Yaveh le nanao hozo: ¹¹"I Finehasa anakilahy Eleazara anakilahin'i Arona mpisoro, fa nangalaky ty heloko tamy ty olon'Israely safe niteany tamy ty zotompoko tamindrozy ie. Le tsy nitely ty olon'Israely tamy ty siakiko Zaho." ¹²Lafa zay le volano hozo: "Yaveh mivola hozo: "Ingo, manome fanenkeam-pilongoa an'i Finehasa Zaho. ¹³Ho tiazy noho ty tarihanay misolo azy, ho fanenkeam-pisorona zay safe nana fahazotoa ho Tiahy, Ndranahariny ie. Fa nanoristy ho tiahy olo Israely ie." ¹⁴Ty anara ty lahilahy Israelita ze nivonoa niaraky tamy azy ampela iny le i Zimry anaky Solo, Mpitariky ty filongoan-draza tamy Simeonita rey. ¹⁵Ty anara ty ampela Midianita ze nivonoa le i Kosby anaky Zora, ze lohola ty fokoa noho longo ta Midiana tany. ¹⁶Le nivola tamy Mosesy Yaveh sady nanao hozo: ¹⁷"Rambeso manahaky ty vahavalo ty Midianita le tafiho ndrozy, ¹⁸safe ndrozy nandramby anareo manahaky vahavalo tamy ty fitakiandrozy. Nitariaky anreo tamy ty raty ndrozy ty mikasikyan'i Peora noho ty mikasiky an'i Kosbby anabavindrozy azy anaky mpitariky ta Midiana tany, ze nivonoa tamy ty androny ty arety mamono tamy ty raharahan'i Peora."

Chapter 26

¹Sady tafar ty arety mamono ze nivolan'Yaveh an'i Mosesy noho Eleazara anaky Arona mpisoro. Hoy tiasany:

²"Isaho ty filahara ty olo n'Israely iaby, baka amy ty roepolo tao no hiakatsy, araky ty longony ty razambeny, azy iaby ze afaky handeha hialy ho tiahy Israely."³Le i Mosesy noho Eleazara mpisoro nivola tamindrozy tamy tany maindrano tanila ty Jordana ta Jeriko tao nanao hozo: ⁴"Hisafo ty olo, baka amy roepolo tao miakatsy, araky ty safa Yaveh amy Mosesy noho ty olon'Israely, ze niboaky ta Egypta.⁵Robena ro talanolo Israely. Baka amy Hanoka anany ty fokoa ty hanokita. baka amy i Palo ty fokoa i Paloita. ⁶Baka amy Hezrona ty fokoa i Hezronita. Baka amy Kirmy ty foakoa i Karmita. ⁷Rey ty fokoa ty tariha i Rebonita, ze 43.730 ty hisaky ty lahilahy.⁸Anaky Palo i Eliaba. ⁹Le ty anaky Eliaba le i Nemoela noho i Datana sady i Abirama. Rey avao azy Datana noho Abirama ze nanoriky an'i Kora lafa nanaboka an'Yaveh.¹⁰Nampisokatsy ty vavany ty tany sady nitely androzy niaraky tamy Kora lafa nimaty iaby ty mpanoriky azy. Tamy zay fotoa zay, ty afo nampitrany 250 lahilahy, ze nanjary famantara fampitandrema. ¹¹Fe tsy lany tanteraky ty tariha i Kora.¹²Ty fokoa ty tariha i Simeona le retia iaby: baka may Nemoela, ty fokoa i Nemoelita, baka amy Jakina, ty fokoa i Jakinita, ¹³baka amy zera, ty foko i Zerita, baka amy Saoly, ty fokoa i Saolita. ¹⁴Rey ty fokoa ty tariha ty simeonita, ze 22.200 lahilahy ty hisakiny.¹⁵Ty fokoa ty tariha i Gada le retia iaby: baka amy Zefona, ty fokoa i Zefonita, baka amy Hagy, ty fokoa i Hagita, baka amy Sony, ty fokoa i Sonita, ¹⁶baka may Ozny, ty fokoa i Oznita, baka amy Era, ty fokoa i Eita, ¹⁷baka amy Aroda, ty fokoa i Arodita, baka amy Arely, ty fokoa i Arelita. ¹⁸Rey ro fokoa ty tariha i Gada, ze mihisaky 40.500 lahilahy.¹⁹era noho Onana ro anaky Joda, fe nimaty tan-tany Kanana tao lahilahy rey. ²⁰Ty fokoa tariha i Joda hafa le retia iaby: baka amy Sela, y fokoa i Selita, baka amy Fazera, ty fokoa i Farezita, baka amy Zera ty fokoa i Zerita. ²¹Ty tariha i Fareza le rey iaby: baka tamy Hezrona, ty foakoa i Hezronita, baka amy i hamola ty fokoa i Hamolita. ²²Rey ty fokoa ty tariha i Joda, ze mihisaky 76.500 lahilahy.²³Ty fokoa tariha Isakara le retia iaby: baka amy Tola, ty fokoa i Tolita, baka amy Pova, ty fokoa i Povita, ²⁴baka amy Josoba, ty fokoa i Josobita, baka may Simrona, ty fokoa i Simronita. ²⁵Rey ty fokoa ty tariha Isakara, ze mihisaky 64.300 lahilahy.²⁶Ty fokoa tariha i Zebolona le retia iaby: baka amy Sereda, ty fokoa i Seredita, baka amy Elona, ty fokoa i Elonita, baka amy Jahalela, ty fokoa ty Jahalelita. ²⁷Rey ro fokoa ty Zebolonita, ze mihisaky 60.500 lahilahy.²⁸Ty fokoa tariha i Josefa le i Manase noho Efraima. ²⁹Tariha Manase rey le retia iaby: baka amy Makira, ty fokoa i Makirita (makira ro baba i Gileada, baka amy Gileada, ty fokoa ty Gileadita.³⁰Ty tariha i Gileada le retia iaby: baka amy Jezelra, ty fokoa i Jezerita, baka amy Heleka, ty fokoa i Helekita, ³¹baka amy Asriela, ty fokoa i Asrielita, baka amy Sekema, ty fokoa i Sekemita, ³²baka amy Semida, ty fokoa i Semidita, baka amy Hefera, ty fokoa i Heferita. ³³Le i Zelofada anaky Hefera le tsy nana anakilahy, fa anakampela avao. ty anara ty anakampelany le i Mahala noho Noa noho Hogla noho Milka sady Tirza. ³⁴Rey ty fokoa i Manase, ze mihisaky 52.700 lahilahy.³⁵Ty fokoa ty tariha i Efraima le retia iaby: baka amy Sotela, ty fokoa i Sotelita, baka amy Bekera, ty fokoa i Bekerita, baka amy Tahana, ty fokoa i Tahanita. ³⁶Ty tariha i Sotela, le baka amy Erana, ty fokoa i Eranita. ³⁷Rey ty fokoa ty tariha i Efraima, ze mihisaky 32.500 lahilahy. Rey ty fokoa ty tariha i Josefa, hisafy amy ty tanyhany kiraikiraiky.³⁸Ty fokoa ty tariha i Benjamina le retia iaby: baka amy Bela, ty fokoa i Belita, baka amy Asibela, ty fokoa i Asibelita, baka amy Ahirama, ty fokoa i Ahimarita, ³⁹baka amy Sefofama, ty fokoa i Sefofamita, baka amy Hofama ty fokoa i Hofamita. ⁴⁰Ty anakilahin'i Bela le i Arda noho Namana. Baka amy Arda nahazoa ty fokoa i Ardita, baka amy Namana nahazoa ty fokoa i Namanita. ⁴¹Rey ty fokoa ty tariha i Benjamina. Mihisaky 45.600 lahilahy ndrozy.⁴²Ty fokoa ty tariha i Dana le, baka amy Sohama, ty fokoa i Sohamita. Rey ty fokoa ty tariha i Dana. ⁴³Ty fokoa i Sohamita iaby le mihisaky 64.400 lahilahy.⁴⁴Ty fokoa ty tariha i Asera le retia iaby: baka amy Jimna, ty fokoa i Jimnita, baka amy Jisvy, ty fokoa i Jisvita, baka amy Bena, ty fokoa i Berita. ⁴⁵Ty tariha i Bena le retia iaby: baka amy Malkiela, ty fokoa i Malkielita. ⁴⁶Ty anara anakampela i Asera le i sera. ⁴⁷Rey ty fokoa ty tariha i Asera, ze mihisaky 53.400 lahilahy.⁴⁸Ty fokoa tariaha i Naftaly le retia iaby: baka amy Jaziela, ty fokoa i Jazielita, baka amy Gony, ty fokoa i Gonita, ⁴⁹baka amy Jezera, ty fokoa i Jezerita, baka amy Silema, ty fokoa i Silemita. ⁵⁰Rey ty fokoa ty tariha i Naftaly, ze mihisaky 45.400 lahilahy.⁵¹Retia ty hisaky ty lahilahy amy ty olon'Israely iaby le 601.730.⁵²Yaveh nivola hoizao tamy Mosesy. ⁵³"Ty tany le tsy maintsy ho zara amy ty lahilahy manahaky ty lova raiky araky ty hisaky ty anarany iaby.⁵⁴Ty amy fokoa bevata le tsy maintsy amea lova lako, le ty amy fokoa kelikely le tsy maintsy amea lova kely. Ty amy longo iaby le tsy maintsy ameanao lova araky ty hisaky ty lahilahy ze nihisafy. ⁵⁵Ndra zay aza, ty tany tsy maintsy sarahy amy ty filoka kisendrasendra. mandova ty tany ndrozy laha ho zara amy ty fokoa ty razambeny zay. ⁵⁶Ty lovary le tsy maintsy zara amy ty fokoa bevata noho kelikely, nozara androzy tamy ty filoka kisendrasendra."⁵⁷Ty fokoa i Levita, hisafy fokoa saky ty fokoa, le retia iaby: baka amy Gersona, ty fokoa i Gersonita, baka amy Kehata, ty fokoa i kehatita, baka amy Merary, ty fokoa i Merarita. ⁵⁸Ty fokoa i Levy le retia iaby: ty fokoa i Lebna, ty fokoa i Hebronita, ty fokoa i Mahalita, ty fokoa i kehata ro razamben'i Amrama. ⁵⁹Ty anara ty valin'i Amrama le i Jokebada, tariha i

Levy, ze nateraky Levita ta Egypta. Le niteraky anany rey tamy Amrama ie, le i Arona noho Mosesy sady Miriama anabaviny.⁶⁰Arona ro niteraky an'i Nadaba noho Abiho, Eleazara noho Itamara. ⁶¹Maty i nadaba noho Abiho lafa nanesy afo tsy azo enkeny taloha Yaveh ndrozy. ⁶²Ty lahilahy ze nihsafy tamindrozy le mihisaky roe aly noho telo arivo, le ty lahilahy iaby baka amy ty vola raiky noho miakatsy. Fe tsy nohisahytamy ty tarihan'Israely ndrozy safe tsy nisy lova namea androzy tamy ty olon'Israely.⁶³Rey ty raha ze nohisafin'i Mosesy noho Eleazara mpisoro. Nanisaky ty olon'Israely tamy tany maindrano ahy Moaba tanila i Jordana ta Jeriko teo ndrozy. ⁶⁴Fe tamizay teo le tsy nisy oo niavy tamy ze nihsafin'i Mosesy noho Arona mpisoro nanisaky ty tarihan'Israely tanefitsy Sinay tao. ⁶⁵Safe Yaveh fa nivola fa ho maty anefitsy any vatany olo iaby rey. Tsy nisy olo sisa nenga tamindrzy , hafa tsy kaleba anaky Jefona noho Josoa anaky Nona.

Chapter 27

¹Le avy amy Mosesy ty anakampela i Zelofada anakilahy Hefera anakilahy Gileada anakalahy i Makira anakilahy i Manase, baka amy longo bevata i Manase anakilahy i Josefa. Retia iaby ty anara ty anakampelany: Mahala, Noa, Hogla, Milka, noho Tirza.²Nitsanga miatriky Mosesy, Eleazara mpisoro, ty mpitariky, sady taloha ty mpiharo petraky iaby tamy filira amy trano-lay fivorina ao ndrozy. Hoy tiasandrozy: ³"Maty tanefitsy tany ty babanay. Tsy anaty ty niharo hevitsy tany antoko i Kora hanaboka an'Yaveh ie. Maty ty fahotany avao koa ie, sady tsy nana anakilahy."⁴Nanino ty anara ty babanay ro nala tany ty fikambana ty filongoaben'ny safe tsy nana anakilahy va ie? Ameo tany baka amy ty longo ty babanay zahay."⁵Le nandesin'i Mosesy taloha Yaveh ty raharahandrozy.⁶Nivola tany Mosesy Yaveh le nanao hozo: ⁷"To ty safa ty anakampela i Zelofada. Tokony hanome tany ho tiahindrozy vatany baka amy ty lova ty longo ty babany, sady tokony ho azonao antoky fa ty lova ty babandrozy le avy amindrozy vatany.⁸Tokony hivola amy ty olon'Israely iha le volano hoe: 'laha misy olo maty ka tsy mana anakilahy, le engaho hafalo amy ty anakampela ty lovany."⁹Laha tsy mana anaky ampela ie, le hameanao ty rahalahy rey ty llovany.¹⁰Laha tsy mana rahalahy ie, le hameanao ty rahalahy ty babany ty lovany.¹¹Laha tsy mana rahalahy ty babany, le ameanao ty longony mare amy ty razany ty lovany, sady hangalaky zay ho tiazy ie. Ho lala mare hapetraky amy ty lily ho tiahy olon'Israely zay, lafa zay fa nivolany Yaveh ahy."¹²Hoasa Yaveh tany Mosesy: "Miakara ambohitsy Abarima eny le henteo ty tany ze nameako ty olon'Israely.¹³Afara ty fahitanao zay, iha , avao koa, le havory amy ty olonao, manahaky an'i Arona rahalahinao.¹⁴Hitranga zay safe nareo roe le nanaboka hanohitsy ty liliko tanefitsy Sina tany. Any, lafa mikororoky amy ty lafiambato ty rano, amy ty helokinao ro tsy nahavitano nanome voninahitsy ho Tiahy ho masy ta imaso ty fivondrona iaby." rey ty ranon'i Meriban'iKadesy anefitsy Sina any.¹⁵Le niresaky tany Yaveh i Mosesy sady nivola hozo: "¹⁶Engaho, lahy Yaveh, Ndranahary ty fanahy ty olombelo iaby, hitingy olo amy ty fivondrona eo, ¹⁷olo ze hiboaky noho hilitry amindrozy eo sady hitariky androzy noho handay androzy, mba tsy hanahaky ty aondry tsy misy mpiamby ty fivondrona."¹⁸yaveh nivola tany Mosesy hozo: "Alao i Josoa anak'i Nona, lahilahy ze hipetraha ty fanahiko,¹⁹Engaho aminy ty tananao. Engaho aloha i Eleazara mpisoro noho aloha ty fivondrona eo iaby ie, sady mandilia azy aloha ty masondrozy mba hitariha androzy.²⁰Enganie iha hanenga ty fahefanao ilany aminy, mba hankasitraha ty fiara-mony Israely iaby azy.²¹Handeha aloha i Eleazara mpisoro eo mba hila ty hevitsiko ho tiazy amy ty fanapahan-kevitsy Orima ie. Ho amy ty liliny ro handehana ty olo miboaky noho militsy,Le ie noho ty olo ty Israely iaby miaraky aminy, ty fivondrona iaby."²²Le nanovy Mosesy ze nandilia Yaveh hanoviny. Nalay Josoa sady nengany aloha i Eleazara mpisoro noho ty mpiharo petraky iaby ie.²³Napetrany ty tanany taminy ie sady nandily azy mba hitariky, araky ze fa nandilia Yaveh hanoviny.

Chapter 28

¹Niresaky tamy Mosesy Yaveh sady nivola hozao: ²"Volano ty olo Israely sady volano haoizao ndrozy: "Tsy maintsy manesy soro ho Tiahy iha amy ty fotoa voatingy, le ty hany fanesiko nanovy tamy ty afo mba hamokara hanitsy ho tiahy.³Tsy maintsy volaninao avao koa ndrozy hoe: "Zao ty fanesy anovy tamy afo ze tsy maintsy asesinao ho tiahy Yaveh—anaka aondry tao raiky tsy misy handra, roe saky sanandro, ho fanatitsy oroa mahazatsy.

⁴Anak'aondry raiky ro tsy maintsy asesinao amy ty maray, le ty anak'aondry raiky hafa le tsy maintsy asesy amy ty hariva. ⁵Tsy maintsy manesy koba lisany soa ampahafolo ty efahy, miharo soliky nokapoahy raiky ampahefatsy ty hina ho fanesy ho hany iha. ⁶Zay ty fanesy oroa fanao baka amy ty nandilia tambohitsy Sinay mba hamoaky hanitsy mare biby, fanesy raiky nanovy tamy afo ho tiahy Yaveh. ⁷Ty fanesy hinomy miaraky amizay le tsy maintsy raiky ampahefa ty hina ty amy ty anak'aondry raiky. Tsy atopa amy ty toera masy ty fanesy hinomy ty raha finomy mahery ho tiahy yaveh. ⁸Azy ank'aondry hafa le tsy maintsy asesy miaraky amy ty fanesy ho hany hafa amy ty hariva manahaky ty nasesy tamy maray. Tsy maintsy manesy fanatitsy hinoma miaraky amizay avao iha, fanesy nanovy tamy afo, mba hampiboaky hanitsy ankasitraha ho tiahy Yaveh. ⁹y ty andro Sabata le tsy maintsy manesy anak'aondry roe iha, samby tao raiky tsy misy handra, noho koka nilisany soa roe ampahafolo ty efaha ho fanesy ho hany, miharo soliky, noho fanesy hinoma miaraky amizay. ¹⁰Zay le ho tiahy fanatitsy oroa saky sabata, ho tovo ty fanesy oroa fanao noho ty fanesy oroa miaraky amizay. ¹¹Saky ty fiatomboha ty vola, le tsy maintsy manesy fanatitsy oroa ho tiahy Yaveh iha. ¹²Tsy maintsy manesy vantots'aombilahy roe, aondry lahy raiky, sady anak'ondrilahy tao raiky tsy manan-kandra. Tsy maintsy manesy koba lisany soa telo ampahafolo ty efaha ho fanesy ho hany miharo soliky ho tiahy aondry lahy raiky avao koa iha. ¹³Tsy maintsy manesy koba nilisany soa miharo soliky ampahafolo ty Efaha ho fanesy ho hany saky ty anakaondry avao koa iha. Zay ty fanesy oroa, mba hampiboaky fofomanitsy mare biby, fanesy nanovy tamy ty afo ho tiahy yaveh. ¹⁴Tsy maintsy ila ty hinan-divay ho tiahy aomby raiky ty fanesy hinoma ty olo, ampahatelo ty hina y ahin'aonry lahy raiky, sady raiky ampahefa ty hina ty ahin'anakondry raiky. le zay ty fanesy oroa isambola zisiky ty vola ty tao rey.

¹⁵Aondry lahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa ho tiahy Yaveh ro sty maintsy asesy. Zay le ho tovo ty fanesy oroa fanao noho ty fanesy hinomy miaraky amizay. ¹⁶Zisiky ty vola velohany, amy ty faha folo efatsiamby ty vola, ro niavy ty pask'Yaveh. ¹⁷Amy ty andro faha folo limy amby vola zay ro hananova ty fety. maharitsy fito andro, tsy maintsy mofoty tsy misy masirasira ro ho hany. ¹⁸Amy ty velohan'andro, le tsy maintsy hisy fiangona masy hanomeza voninahitsy an'Yaveh. Engaho tsy hanao ty asa fanao iha amy zay andro zay. ¹⁹Fe, tsy maintsy manesy fanesy anovy amy ty afo iha, le fanatitsy oroa ho ahy Yaveh. Tsy maintsy manesy vatotsy aomby lahy roe, aondry lahy raiky, sady anakaondry tao raiky fito, tsy mana handra iha. ²⁰Miaraky amy ty aondry, le tsy maintsy manesy fanesea ho hany koba lisany soa miharo soliky telo ampahafolo ty efaha iha, sady miharo amy ty aondry lahy, roe ampahafoliny. ²¹Saky ty raiky amy ty anakaondry fito, le tsy manesy koba lisany soa ampahafolo ty efaha iha, ²²noho osilahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa mba hananova fanavota ho tiahy vatanareo. ²³Tsy maintsy hasesinao ho tovana ty fanesy oroa fanao takia saky maray rey. ²⁴Araky ty voafaritsy etoa, tsy maintsy asesinao saky sanandro soro rey, zisiky fito andro ty Pasiky, le ty fanesy ho hany nanovy tamy afo, fofomanitsy ankasitraha ho tiahy Yaveh. Tsy maintsy asesy zay ho tovana ty fanesy oroa fanao noho ty fanesy hinomy miaraky amizay. ²⁵Amy ty andro faha fito le tsy miaraky amy ty fiangona masy mba hanome voninahitsy an'Yaveh iha, sady tokony tsy hanao ty raharaha fanao iha amy andro zay. ²⁶Amy ty andro veloha ty vokatsy avao koa, lafa manesy fanesy ho hany vaovao ho tiahy Yaveh amy ty herindro ty fafalia iha, le tsy maintsy miaraky amy ty fiangona masy mba hanome voninahitsy an'Yaveh iha, sady tsy mahazo manao asa fanao iha amy andro zay.

²⁷Tsy maintsy manesy fanesy oroa mba hahazoa fofomanitsy mare ho tiahy Yaveh iha. Tsy maintsy manesy vatotsiaomby lahy roe, aondry lahy raiky, sady zanak'aondry lahy raiky tao raiky fito iha. ²⁸Manesea avao koa fanesy ho hany miaraky amirey: le koba nilisany soa miharo soliky, koba nilisany soa miharo telo ampahafolo tyefaha ho tiahy aombilahy kirakiraiky sady roe ampahafolony ho tiahy ondry lahy raiky. ²⁹Manesea koba nilisany soa miharo soliky ho tiahy anak'aondry fito kirakiraiky iaby, ³⁰noho aosy lahy raiky mba hananova fanavota ho tiahy vatanareo. ³¹Lafa manesy ty biby tsy misy handra rey nareo, miaraky amy ty fanesy hinomany rey, zay le tovana ty fanesy fanao noho ty fanesy oroa miaraky amizay."

Chapter 29

¹Amy ty faha fito ty vola, amy ty andro velohany vola, le tsy maintsy hanao fivoria masy hankalaza an'yaveh nareo. Tsy hanao ty raharaha fanao nareo amy zay andro zay. Ho andro fitiofa trompetra rey ho tiahinareo zay.

²Tsy maintsy manesy fanesy oroa hahavy fofo manitsy mare ho tiahy Yaveh nareo. Tsy maintsy manesy vatotsiaomby lahy raiky, aondry lahy raiky, sady anak'aondry lahy tao raiky fito, samby tsy misy handra nareo.

³Tsy maintsy manesy miaraky amy fanesy ho hany rey, koba nilisany soa noharoa soliky, telo ampahafolo ty efaha ho tiahy aomby lahy, roe ampahafo ty ho tiahy aondry lahy, ⁴sady ampahafolo ty ho tiahy ty anakaondry kiraikiraiky amy ty anakaondry fito rey nareo. ⁵Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa ho famonjea anareo nareo. ⁶Anovo ty fanesy retia amy ty faha fito ty vola ho fanovona ty fanesy iaby ze hanovinareo saky ty veloha ty vola: ty fanesy oroa voatingy noho ty fanesy ho hany ro hiaraky amizay. rey le hotovana ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany mikasiky rey, sady ty fanesy ailin'zay. lafa manao zay fanese zay nareo, le hanoriky ze nivolany mba hahavy fofo manitsy mare, fanesy nanova tamy ty afo ho tiahy Yaveh. ⁷Amy ty andro faha folo ty vola fahafito le tsy maintsy hisy fivoria masy hankala an'Yaveh. Tsy maintsy hanambany ty vatanareo nareo sady tsy hiasa. ⁸Tsy maintsy manesy fanesy oroa mba hahavy fofo manitsy mare ho tiahy Yaveh nareo. Tsy maintsy manesy vatotsiaomby lahy raiky tao raiky nareo. Tokony samby tsy misy handra reo. ⁹Tsy maintsy hasesinareo miaraky amy fanesy ho hany, koba nilisany soa miharo soliky, telo ampahafolo ty efaha ho tiahy aomby lahy, roe ampahafolony ho tiahy aondry lahy, ¹⁰sady ampahafolo ty efaha ho tiahy kiraikiraiky amy ty anakaondry fito rey. ¹¹Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy ho tiahy fahadisoa nareo. Ho tovana ty fanesy amy ty fahadisoa ho famonjea, ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba rey, sady ty fanesy hinomy amizay. ¹²y ty andro faha folo limy amby ty vola fahafito le tsy maintsy hisy fivoria masy hanova fety an'Yaveh. tsy mahazo manao raharaha fanao nareo amy zay andro zay, sady tsy maintsy midary ty fifalia ho Tiazy maharitsy fito andro. ¹³Tsy maintsy manesy fanesy oroa nareo, Soro nanovy tamy ty afo hanjary fofo manitsy mare ho tiahy Yaveh. Tsy maintsy manesy vatotsiaomby lahy folo telo amby, aondry lahy roe, sady anakaondry lahy taoraky folo efatsy amby. Tokony samby tsy hisy handra reo. ¹⁴Tsy maintsy asesinareo miaraky amy ty fanesy ho hany rey, koba nilisany soa nnoharoa soliky, telo ampahafolo ty efaha ho tiahy aomby lahy kiraikiraiky amy ty aomby lahy folo telo amby, roe ampahafolo ho tiahy aondry lahy kiraikiraiky amy ty aondry lahy roe rey, ¹⁵sady ampahafolo ty efaha ho tiahy kiraikiraiky amy ty anakaondry folo efatsy amby. ¹⁶Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy amy ty hadisoa ho tovana ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba rey, sady ty fanesy hinoma amizay nareo. ¹⁷Amy faharoe ty andro fivoria, le tsy maintsy manesy vatotsiaomby lahy folo roe amby, aondry lahy roe, sady anakaondry lahy folo efatsy amby tao raiky, samby tsy mana handra nareo. ¹⁸Tsy ho tovonanareo amy ty fanesy ho hany, ty fanesy hinomy ho tiahy aombilahy rey, ho tiahy aondry lahy rey, noho tiahy anakaondry, manaova fanesy lako araky ty nandilia. ¹⁹Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy amy ty hadisoa ho tovana ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba rey, sady ty fanesy hinoma amizay nareo.

²⁰Amy ty faha telo y andro fivoria, le tsy maintsy manesy aomby lahy folo raiky amby, aondry lahy roe, sady anakaomby lahy tao raiky folo efatsy amby, samby tsy mana handra nareo. ²¹Tsy maintsy tovonanareo amy ty fanesy ho hany noho ty fanesy hhinoma ho tiahy amby lahy, ho tiahy aondry lahy, sady ho tiahy anakaondry, mananova fanesy lako araky ze nandilia. ²²Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy amy ty fahadisoa ho tovana ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba zay, sady fanesy hinoma amizay nareo. ²³Amy ty fah efatsy ty andro fivoria, le tsy maintsy hanesy aomby lahy folo, aondry lahy roe, sady anakaondry lahy tao raiky folo efatsy amby, samby tsy mana handra nareo. ²⁴Tsy tovonanareo amy ty fanesy ho hany rey, ty fanesy hinomy ho tiahy aomby lahy, ho tiahy aondry lahy, noho tiahy anakaondry rey, mananova fanesy lako araky ze nandilia.

²⁵Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa ho fanampia ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba rey, sady ty fanesy ailyn' nareo. ²⁶Amy ty faha limy ty andro fivoria, le sty mainsy hanesy aomby lahy sivy, aondry lahy roe, sady ty anakaondry lahy tao raiky foo efatsy amby, samby tsy manan-kandra nareo.

²⁷Tsy maintsy ho tovonanareo amy ty fanesy ho hany, ty fanesy ho hany tiahy aomby lahy rery, ho tiahy aondry lahy rey, noho tiahy ty anakaondry rey, mananova fanesy lako araky ze nandilia. ²⁸Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy amy ty fahadisoa ho fanampia ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba reo, sady ty fanesy hinoma amizay nareo. ²⁹Amy ty faha eny andro ty fivoria, le tsy maintsy manesy aomby lahy valo, aondry lahy roe, sady anakaondry folo efatsy amby, samby tsy manan-kandra nareo. ³⁰Tsy maintsy ho tovonanareo amy ty fanesy ho hany, ty fanesy hinoma ho tiahy aomby lahy, ho tiahy aondry lahy rey, noho ho tiahy anakaondry, mananova fanesy lako araky ze nandilia. ³¹Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa ho fanampia ty fanesy oroa fanao, ty fanesy ho hany momba rey, sady ty fanesy hinoma amizay nareo. ³²Amy ty fahafito ty andro fivoria, le tsy maintsy manesy aomby lahy fito, aondry lahy roe, sady anakaondry lahy folo

efatsy amby, samby tsy manan-kandra nareo. ³³Tsy maintsy tovonanareo amy ty fanesy ho hany, ty fanesy hinoma ho tiahy aomby lahy rey, ho tiahy aondry lahy rey, noho tiahy anakaondry rey, mananova fanesy lako araky ze nandilia. ³⁴Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy amy ty fahadisoa ho fanampia ty fanesy oroa fanao, ty fanesyho hany momba rey, sady ty fanesy hinomy aizay nareo. ³⁵Amy ty faha valo ty andro le tsy maintsy hanao fivoria maresaky hafa nareo, tsy mahazo manao asa fanao nareo amizay andro zay. ³⁶Tsy maintsy manesy fanesy oroa nareo, fanesy nanovy tamy ty afo mba hanjary fofo manitsy mare ho tiahy yaveh. Tsy maintsy manesy aomby lahy raiky, aondry lahy raiky, sady anakaondry lahy tao raiky fiot, samby tsy manan-kandra nareo. ³⁷Tsy maintsy manesy ty fanesy hohanindrozy noho ty fanesy hinoma ho tiahy aomby lahy, ho tiahy aondry lahy, sady ho tiahy ty anakaondry, manaova fanesy lako araky ze nandilia anareo. ³⁸Tsy maintsy manesy aosy lahy raiky ho fanesy noho ty fahadisoa ho fanampia ty afneys oroa fanao, ty fanesy ho hany momba androzy, sady ty fanesy hinomy amizay nareo. ³⁹Rey ro tys maintsy hasesinao ho tiahy Yaveh amy ty hafalea fa nitinginy. Ho fanapy ty soro noho ty fanesy vokatsy ty fonao zay. Tsy maintsy manesy anizay ho fanesy oroa, fanesy ho hany, fanesy aily, noho ty fanesim-pilongoa nareo." ⁴⁰Nivolan' i Mosesy tamy ty olon'Israely ty raha iaby ze nandilia Yaveh azy hovolany.

Chapter 30

¹Nivola tamy ty mpanjaka ty fokoa Israely i Mosesy. hoy tiasany: "Zao ty nandilia Yaveh. ²Lafa misy soro amy Yaveh, ndra manao fanta hamehy ty vatany amy ty fampanantena, le tokony tsy hivaliky amy ty safany ie. Tokony hitanjaky ty fampitamany hanao ze raha nivolany ty vavany.³Laha misy sommondrara mipetraky amy ty tranony ty babany le manao soro amy Yaveh sady mamehy ty vatany amy ty fampitamany, ⁴lafa mahare ty soro ty babany le mifanta amy ze nameheza ty fatany, sady laha tsy mivola ndra ino ndra ino ie mba hampivaliky azy, le hanan-kery avao ty sorony. Ty fampitamany iaby ze nameheny ty vatany le hanan-kery avao.⁵Fa lafa mahare mikasiky ty sorony noho ty fampitama ty babany, sady laha tsy mivola ndra ino ndra ino aminy, le ty soro iaby ze nanoviny tamy ty vatany le hana hery avao.⁶Fe lafa mahare ty sorony iaby ze nanoviny noho nampityamany maresaky nanoviny ze nameheny ty vatany ty babany, sady lafa manapaky azy ie amy andro io avao, le tsy hieny hanan-kery rey. Hanenga azy Yaveh safe nanapaky azy ty babany. ⁷Laha manam-baly lahilahy raiky ie le mbo nifatora ty soro, ndra manao fampitamany malisalisa ze hisereny ty vatny, le hanan-kery avao fisereny rey.⁸Fa laha manaka azy amy ty andro aharenasany momba zay ty babany, le hampieny ty sorony ze nanoviny ie, le ty safa malisalisa nanovy ty soniny ze nameheny ty vatany. Hanafaky azy Yaveh.⁹Fa ty amy ty tsy manam-baly, ndra ty ampela nisara-baly, ze nameheny ty vatany iaby le hanan-kery aminy avao. ¹⁰Laha misy ampela manao soro tan-trano ty valiny ndra nisery ty vatany tamy ty fananova fiaina, ¹¹sady re ty valiny zay, fe tsy nivola ndra ino ndra ino taminy ie sady tsy manaboka azy, le engaho hipetraky ty sorony iaby sady engaho hieny hanan-kery ty sery nanoviny.¹²Fa laha tsy misy ty valiny rey amy ty andro ze naharenasany momba zay, ze raha iaby naboaky ty soniny mikasiky ty soro ndra ty fampitamany le tsy hanan-kery. Fa nampieneny ty valiny zay. hanafaky azy Yaveh.¹³Ty soro iaby ze nanovy ty ampela raiky le mamehy azy tsy hanenky ty vatany le mety nafepetsy na ho foana ty valiny. ¹⁴Fa laha tsy mivola ndra ino ndra ino aminy saky sanandro ie, le manamafy ty sorony iaby ie sady mamehy ty fampitamany ze nanoviny. Nofepera rey safe tsy nivola ndra ino ndra ino taminy ie tamy ty fotoa naharenasany momba rey.¹⁵Laha mila ty hanafoa ty soro try valiny fotoa ela tafara ty naharenasany mikasiky zay ty lahilahy, le mianky aminy ty hadisoany." ¹⁶Rey ty lily ze nandilia Yaveh mba hovolana i Mosesy--- lily ho tiahiny ze lahilahy eo noho ty valiny sady amy ty baba noho ty anakampelany rey lafa anay ty fahatanora an-tano ty longo ty babany ao ie.

Chapter 31

¹Niresaky tamy Mosesy i Yaveh le nanao hozao: ²"Mananova valifaty amy Midianita amy ty nanovindrozy tamy Israelita rey. Lafa vita zay, le ho maty iha le havory amy ty olonao." ³Le nivola tamy ty olo rey i Mosesy. Hoasany: "Andeso ty fialia amy ty aly ty ilany amy ty olonareo mba handinandrozy hanohitsy an'i Midianita rey noho hanatanteraky valifaty an'Yaveh amizay. ⁴Ty fokoa iaby heniky an'Israely le tsy maintsy mandefa miaramila ho amy ty aly." ⁵Le amy ty olo andrivony Israely, le avy baka amy ty fokoa iaby ho amy ty aly ty andrivony, ray aly sy roe arivo ty fitambarany. ⁶Bakeo nampandinan'i Mosesy an'aly ndrozy, arivo baka amy ty fokkoa iaby, niaraky tamy Finehasa anakilahy Eleazara mpisoro, noho niaraky tamy ty fanaky ilany baka amy ty fitoera masy sady ty trompetra antanany eny mba hitiofy noho fanaira. ⁷Nialy tamy Midiana ndrozy, araky ty nandilian'Yaveh an'i Mosesy. Novonoandrozy ty olo iaby. ⁸Novoana ty mpanjaka tiahy Mediana niaraky tamy ty sisa matindrozy: Evy, Rekema, Zora, Hora, le i reba, mpanjaka limy an'i Midiana rey. Novonoandrozy tamy mesobe avao koa i Balama anakilahin'i Boera. ⁹Nala ty miaramila tiahy Israely ho azo sambotsy ty ampela an'i Mediana rey, ty anakindrozy, ty biby harindrozy iaby, ty aondry noho ty aosindrozy, sady ty hananandrozy iaby. Nalandrozyho azo sambotsy iaby reo. ¹⁰Noroandrozy ty tanany iaby ze nipetrahandrozy sady ty tobiny iaby. ¹¹Nalandrozy iaby ty azo iaby, noho ty gadra iaby, ndra olo ndra biby. ¹²Nandesindrozy tamy Mosesy, Eleazara mpisoro, baka amy ty olo be an'Israely gadra rey, ty azo sambotsy, noho ty raha niazo. nandesindrozy tamy toby amy ty tany hain'i Moaba, anila i Jordana anila i Jeriko reo. ¹³Nandeha niboaky nitsena androzy tambaliky ty toby i Mosesy, Eleazara mpisoro, noho ty mpitariky ty olo be iaby. ¹⁴Fa nimeloky tamy ty manam-boninahitsy ty miaramila i Mosesy, ty mpifehy ty arivo rey noho ty kapiteny ty zato, ze niavy baka an'aly. ¹⁵Hoasa i Mosesy tamindrozy: "Nenganareo ho velo va ty ampela iaby?" ¹⁶Ingo nanovy ty ampela rey nanota tamy Yaveh ty amy Peora tamy ty alala ty torohevitsy i Balama ty olon'Israely, lafa niparitaky tamy ty fiangona Yaveh ty arety mandoza. ¹⁷Henany zao le, vono ty anakaja lahilahy maliniky iaby, sady vono ty ampela ampela iaby ze fa niaraky nandry tamy ty lahilahy. ¹⁸Fa andeso ho tiahinareo ty somondrara iaby ze tsy mbo niaraky nadry tamy ty lahilahy mihintsy. ¹⁹Tsy maintsy mivory amy ty toby ahy Israely zisiky fito andro nareo. Nareo iaby ze famono olo ndra niloto olo nimaty---tsy maintsy mandio ty vatanareo nareo amy ty faha telo andro noho amy ty faha fito andro---nareo noho ty gadranareo. ²⁰Tsy maintsy mandio ty sakinareo iaby noho ty raha vita baka amy ty holitsy ty biby noho volo ty aosy, sady ty raha iaby vita baka amy ty hazo nareo. ²¹Eleazara mpisoro le nivola tamy ty miaramila rey ze nandeha tan'aly manao hozao: "Toy le lala nililia ze namea Yaveh an'i Mosesy: ²²Ty volamena, volafoty, saba, vy, vy foty, noho firaky, ²³sady ty kila raha iaby ze mandraby afo, le tsy maintsy anovinareo anay afo, le halio zay. Bakeo tsy maintsy sasanareo amy ty rano fanasa raha rey. Ndra ino ndra ino tsy afaky mandalo amy ty afo le tsy maintsy sasanareo amy rano zay. ²⁴Amy ty fahafito ty andro le tsy maintsy sasanareo ty salotsinareo, le bakeo nareo halio. Afaranizay le ho avy amy ty toby Israely ao nareo. ²⁵Bakeo niresaky tamy Mosesy Yaveh le nivola hoizao: ²⁶"Hisaho ty raha azo sambotsy ze niazo, ndra olo ndra biby. Iha, Eleazara mpisoro, sady ty mpitariky ty olo be ty fokoa ty razambenao rey ²⁷le tsy maintsy mizara ty azo sambotsy ho zara roe. Zarao amy ty miaramila ze nandeha an'aly noho ty sisa ty olo be iaby zay. ²⁸Bakeo mitakia haba baka amy ty miaramila ze nandeha an'aly mba hanome Ahy. Zay iaby zay le tsy maintsy raiky saky dimanjato, ndra olo, biby fihary, boriky, aondry, ndra aosy. ²⁹Alao amy ty ilandrozy zay haba zay le ameo an'i Eleazara mpisoro zay mba ho fanesy hasesy ho Tiahy. ³⁰Le avy baka amy ty ilan'Israely avao koa, le tsy maintsy mangalaky raiky saky ty dimampolo iha---baka amy ty olo rey, biby hary, boriky, aondry, sady aosy. Aмео an'i Levita rey." ³¹Le nanovy Mosesy noho Eleazara mpisoro araky ty nandilia Yaveh. ³²Le ty azo sambotsy ze sisa tamindrozy azo ty miaramila rey le aondry 675.000, ³³aomby fito aly sy roe arivo, ³⁴boriky eninaly sy roe arivo, ³⁵sady ampela telo aly sy roe arivo ze mbo tsy nahay lahilahy mihintsy. ³⁶Ty ilany zay nitanjaha ty miaramila le aondry mihisa 337.000. ³⁷Ty anjara Yaveh le aondry 675. ³⁸Ty aomby rey le telo aly sy eninarivo sady fitopolo roe amby ro haba Yaveh. ³⁹30.500 ty hisa ty boriky rey sady le enipolo raiky amby ro anja Yaveh. ⁴⁰Ray aly noho eninarivo olo rey le telopolo roe amby ro haba tiahy Yaveh. ⁴¹Nala i Mosesy ty haba ze tokony ho fanesy asesy ho tiahy Yaveh. Nameany an'i Eleazara mpisoro zay, araky ty nandilia an'i Mosesy. ⁴²Laha ty amy ty ila ty olon'Israely ze nala i Mosesy baka amy ty miaramila ze nandeha tan'aly tany--- ⁴³le aondry 337.500, ⁴⁴aomby telo aly noho eninarivo, ⁴⁵boriky 30.500, ⁴⁶sady ampela ray aly noho eninarivo ro tiahy ila ty olobe. ⁴⁷Baka amy ty ila ty olon'Israely, le nangalaky raiky saky dimampolo i Mosesy, ndra olo ndra biby. Namea ty Levita rey ze nikarakara avao ty fiangoana tiahy Yaveh rey, araky ty nandilia Yaveh azy mba hanovy. ⁴⁸Bakeo manamboninahitsy ty miaramila, mpifehy ty arivo, nnoho ty kapiteny ty zato, nnniavy tamy Mosesy. ⁴⁹Hoasandrozy taminy: "Nihisa ty mpanomponao ty miaramila ze ambany ty fahefanay rey, le tsy misy ndra raiky tsy tao. ⁵⁰Nandesinay ty fanesy an'Yaveh, ze nihita ty olo kirakiraiky, fanaky volamena, fehin-tana noho haba, peratsy fanombohan-kase, kiviro, sady ravaky mba hananova fanavota ho tiahinay aloha ty Yaveh eo." ⁵¹Mosesy

noho Eleazara le nandramby ty volamena noho ty fanaky ty asa tana iaby baka amindrozy.⁵² Ty volamena iaby tamy ty fanesy ze nameandrozy ho tiahy Yaveh--- fanesy baka amy ty mpifehy ty arivo noho baka amy ty mpifehy ty zato--- le mitarazo sekely 16.750. ⁵³ Ty miaramila kiraikiraiky le samby nangalaky azo sambotsy, ty olo kiraikiraiky ho tiahy vatany. ⁵⁴ Mosesy noho Eleazara mpisoro le nangalaky volamena baka amy ty mpifehy rey ty arivo noho ty kapiteny ty zato. nandesindrozy tamy ty trano -lay fivoria tao zay ho fahatiarova ty olon'Israely ho tiahy Yaveh.

Chapter 32

¹Le ty tariha i Robena noho i Gada le nana biby hary lako. Lafa hitandrozy ty tan'i Jareza noho Gileada, le toera soa ho tiahy biby fihary azy tany zay. ²Le niavy niresaky tany Mosesy, tany Eleazara mpisoro, sady tany ty mpitariky ty fivondrona tariha i Gada noho Robena rey. Hozao tiasandrozy: ³"Toy ty listry ty toera ze fa nihadihadianay: Atarota, Dibona, Jazera, Nimra, Hesbona, Elale, Sebama, Nebo, le i Beona. ⁴Rey iaby ty tany ze nitaftiha Yaveh taloha ty fivondronan'Israely teo, sady toera soa ho tiahy ty biby hary rey. Zahay mpanomponao, le mana biby fihary lako." ⁵Hoy tiasandrozy: "Laha mahitaky sitraky imasonao eo zahay, letokony mba hanome anay, mpanomponao, mba ho hanagna tany toy. Ka atao mitsaky amy Jordana zahay." ⁶Namaly an'i tariha i Gada noho i Robena i Mosesy hoe: "Tokony handeha mba hialy va ty rahalahinareo laha manoro-toboky etoa nareo? ⁷Maniini ro kiky tsy handeha any amy ty tany ze namea Yaveh androzy ty fo ty olon' Israely rey?" ⁸Ty razanareo rey le nanovy manahaky raha zay lafa baka nampandinako a Kadesi-barnea mba hanenty ty tany ndrozy. ⁹Niakatsy tany tany maindrano'i Eskola ndrozy. Nahita ty tany ndrozy le bakeo nahakamo ty fandrozy olon'Israely mba tsy henkendrozy tsy hilitry amy ty tany ze namean'Yaveh hoandrozy. ¹⁰Nimeloky mare Yaveh tany andro io, Nifanta le le nanao hozao: ¹¹"Azo antoky fa tsy hisy amy ty olo ze niakatsy baka Egipta rey, manomboky amy ty faha roepolo tao noho miakatsy, hahita ty tany ze nifantako tany Abrahama, tany Isaka, sady tany Jakoba, safe tsy nanoriky Ahy vatany ndrozy, laha tsy ¹²Kaleba anakilahy Jefone Kenizita, sady Josoa anakilahy Nona. Kaleba noho Josoa avao ro vatany nanoriky Ahy." ¹³Le vatany nimeloky tany Israely Yaveh. Nanoviny nikariokarioky mihodidy ty tany maiky mare naharitsy efapolo tao zisiky naharava ty tariha iaby ze nanao raty tamasondrozy. ¹⁴Ingo, niranga tany ty toera ty razanareo nareo, manahaky ty olo lako mpanota, mba hanampy ty firehitsy ty heloky Yaveh amy Israely. ¹⁵Laha mivio ty fanorihia Azy nareo, le hanenga an'Israely amy ty tany maiky mare ndraiky le sady handrava ty olony iaby nareo." ¹⁶Le nagnato tanila i Mosesy ndrozy le nivola hozao: "Engaho zahay nomboatsy lakoro ho tihahy biby fiharinay noho tana ho tiahy valy amin'anakinay etoa. ¹⁷Ndra zay aza, zahay le vono sady hitanjaky fialia mba handeha miarakany amy ty miaramila an'Israely zisiky hanenganany androzy amy ty toerandrozy. Fa ty valy aminanakinay koa le hipetraky amy ty tana iambena mare noho ty olo hafa rey ze mbo mipetraky amy tany toy. ¹⁸Tsy himpoly amy ty fipetrahanany zahay zisiky ty hahazoa ty kiraikiraiky amy ty olon'Israely ty lovanany iaby. ¹⁹Tsy handova ty tany miarakany amindrozy ampita ty Jordana zahay, safe ty lovanany le etoa amy zoro antinana i Jordana." ²⁰Le namaly androzy hozao i Mosesy: "Laha manao ze volaninareo nareo, laha mampihentsy ty vatanareo handeha anatreha Yaveh mba hialy eo nareo, ²¹le ty lahilahinareo kiraikiraiky mitanjaky fialia le tsy maintsy mitsaky an'i Jordana anatreha Yaveh eo, zisiky handroahany ty vahavalony tsy hiatriky Azy ²²sady ty tany le resy anahtrhany eo. lafa afaky zay le afaky mimpoly nareo. Ho tsy manan-tsiiny aloha Yaveh noho aloha Israely nareo. Tany toy le ho hanagananareo anatrehan' Yaveh eo. ²³Fa laha tsy manao zay nareo, ingo, hanota amy Yaveh nareo. Haiko soa fa hahita anareo ty hadisoanareo. ²⁴Manamboara tana ho tiahy valy aminanakareo sady vala ho tiahy aondrinareo; bakeo le anovo ty ze nivolaninareo." ²⁵Niresaky tany moesesy ty tariha i Gada noho i Robena sady nivola hozao: "Hanao araky ze nandilianao ty mpanomponao, lahy tomponay. ²⁶Ty anakinay maliniky rey, ty valinay rey, aondry noho ty aosinay rey, sady ty biby fiharinay iaby le hipetraky amy tana i Gileada rey ao. ²⁷Ndra zay aza, zahay mpanomponao, le hitsaky antrehan'Yaveh eo mba hialy, ty lahilahy iaby ze mitanjaky fialia ho amy ty aly, araky ty nivolaninao, lahy tomponay." ²⁸Le hanome torohetsy mikasiky androzy tany Eleazara mpisoro, tany i Josoa anakilahin'i Nona, sady tany ty mpitariky ty fokoa ty razany tany ty fokoa ty olon'Israely i Mosesy. ²⁹Tiasan'i Mosesy tamindrozy: "Laha mitsaky an'i Jordana miarakany aminareo tarihan'i Gada noho Robena rey, ty lahilahy iaby ze mitanjaky fialia mba hialy antreha Yaveh, sady laha resy anatrehanareo eo ty tany, le hamenareo androzy ty fanagna ty tanin'i Gileada. ³⁰Fa laha tsy miampita aminareo mitannjaky fialia eo ndrozy, le amy ty tany Kanana ndrozy ro hahazo ty fanandrozy aminareo eo." ³¹Le namaly ty tariha i Gada noho Robena nanao hozao: "Araky ty nivolan'Yaveh taminay, mpanomponao, le zao ty anovinay. ³²Hiampita mitanjaky fialia anatreha Yaveh eo amy tany Kanana zahay, fe ty lova anjaranany le hiegnny mainay amy ty jozo i Jordana toy." ³³Le namean'i Mosesy any tariha i Gada noho Robena, sady ty ilany foakoa i Manase anaky Josefa ty fanjaka tiahy Sihona, mpanjaka an'i Amorita, noho Oga, mpanjaka tiahy Basana. Nameany androzy ty tany, sady nozarany tamindrozy ty tana miarakany amy ty soritsy ty tany iaby zay, le azy tana ty tany mihodidy reo. ³⁴Tariha i Gada rey le nampipoly namboatsy an'i Dibona, Atarota, Aroera, ³⁵Atrota-sofana, Jezera, Jogbeha, ³⁶Beti-nimra, noho Beti-harana mba ho tana voaa mare miarakany amy ty valan'aondry. ³⁷Tarihan'i Robena rey nampoly nambatsy an'i hesbona, Elale, Kiriatisa, ³⁸Nebo, Bala-meona, Sibma--- tafara tatoy le niova ty anaranareo. nameandrozy anar hafa ty tana ze nampolindrozy namboary. ³⁹Tarihan'i Makira anakilahin'i Manase rey le mba Gileada sady nanafaky zay tany Amorita rey ze tamizay ao. ⁴⁰Bakeo le anmean'i Mosesy an'i Makira anakilahin'i Manase i Gileada, le nanoro toboky teo ty olony. ⁴¹Nandeha i

jaira anakilahin'i Manase sady nandrava ty tanambe zay le nikaiky androzy hozao: hafaha-jaira. ⁴²Nandeha i Noba le nandrava an'i Kinata noho ty ana-vohhitsiny, le nikaihiny hoe: Noba, araky ty anarany avao zay.

Chapter 33

¹Retoa iaby ty toera nandehana ty olon'Israely tafara nanengandrozy ty tany Egipta tany ty filahara mitanjaky fialiandrozy tambany ty fitarihan'i Mosesynoho i Arona. ²Nanoratsy ty toera niongahandrozy zisiky nandinandrozy i Mosesy araky nandilian'Yaveh. Retoa iaby ty liandrozy, ty toera nifalofalozandrozy. ³Niongaky baka ta Ramesasa ndrozy naharitsy vola velohany, tany ty faha folo limy amby ty voloha ty vola. Maray tafara ty pasika ty olon'Israely, ta imason'i Egyptiana iaby. ⁴Niseho zay laha mbo nandevy ty talanolo ndrozy iaby, azy ninoan'Yaveh tamasondrozy ty Egyptiana, Fe le avao oa le nampanday sazy ty ndranaharindrozy. ⁵Niongaky ta Ramesesa tao ty olon'Israely le nivory ta Sakota tao. ⁶Niongaky ta Sakota ndrozy le nivory ta Etama, tanila ty tany efitsy. ⁷Niongaky ta Etama ndrozy le nimpoly ta Pi Hahirota, ze ampita i Balazefona, ze mifanila am'i Migdola nivoriandrozy. ⁸Bakeo niongaky baka tampitan'i Pi Hahirota ndrozy le nandrio tanivo ty riaky ho anefitsy. Nandeha naharitsy telo andro tanefitsy i Etama tany ndrozy le nivory ta Mara. ⁹Niongaky ta i Mara ndrozy le nniavy ta Elima. Ta Elima tao le nisy loharano folo roe amby noho hazo roefia fitopolo. Tany ndrozy ro nivory. ¹⁰Niongaky ta Elima ndrozy le nivory tanila ty riaky Mena. ¹¹Niongaky baka amy riaky Mena ndrozy le nivory tanefitsy Sina. ¹²Niongaky baka anefitsy Sina ndrozy le nivory ta Dopka tao. ¹³Niongaky ta Dopta ndrozy le nivory ta Alosy. ¹⁴Niongaky baka Alosy ndrozy le nivory ta Refidima, ze tsty nahita rano hinoma ty olo. ¹⁵Niongaky baka Refidima ndrozy le nivory tany tany efitsy i Sinay. ¹⁶Niongaky baka tanefitsy Sinay ndrozy le nivory ta Kibrota Hatava tao. ¹⁷Niongaky baka ta Kibrota Hatava ndrozy le nivory ta Hezerota. ¹⁸Niongaky baka ta Hezerota ndrozy le nivory ta Ritma. ¹⁹Niongaky baka ta Ritma ndrozy le nivory ta Rimona Pareza. ²⁰Niongaky baka ta Rimona Pareza ndrozy le nivory ta Libna. ²¹Niongaky ta Libna ndrozy le nivory ta Risa. ²²Niongaky baka ta Risa ndrozy le nivory ta kehelata. ²³Niongaky baka ta Kehelata ndrozy le nivory tany ty Vohitsy Sopera. ²⁴Niongaky baka amy Vohitsy Sopera ndrozy le nivory ta Harada. ²⁵Niongaky baka ta Harada ndrozy le nivory ta Mekelota. ²⁶Niongaky baka ta Mekelota ndrozy le nivory ta Tahata. ²⁷Niongaky baka ta Tahata ndrozy le nivory ta Tera tao. ²⁸Niongaky baka ta Tera ndrozy le nivory ta Mitka tao. ²⁹Niongaky baka ta Mitka ndrozy le nivory ta hasmona. ³⁰Niongaky baka ta Hasmona ndrozy le nivory ta Moserota. ³¹Niongaky baka ta Moserota ndrozy le nivory ta Bene Jakana. ³²Niongaky baka ta Bene Jakana ndrozy le nivory ta Hora Hagidgada. ³³Niongaky baka ta Hagidgada ndrozy le nivory ta Jatbata. ³⁴Niongaky baka ta Jatbata ndrozy le nivory ta Abrona. ³⁵Niongaky baka ta Abrona ndrozy le nivory ta Eziona Gebera. ³⁶Niongaky baka ta Eziona Gebera ndrozy le nivory ta Kadesy. ³⁷Niongaky baka ta Kadesy ndrozy le nivory tambohitsy Hora tao, tanila ty tany Edoma teny. ³⁸Niongaky tany vohitsy Hora teny i Arona mpisoro araky ty lilyn'Yaveh le maty ta ny tany ty fahefapolo tao tafara niboaha ty olon'Israely ta Egipta tao, tany ty faha limy ty vola. ³⁹123 tao Arona tany i nimaty tambohitsy Hora. ⁴⁰Azy kananita, azy mpanjaka Arada, ze nipetraky tan-tany maiky tantimo tany tany Kanana tao, le nahare ty fiavia ty olon'Israely. ⁴¹Niongaky baka ambohitsy Hora ndrozy sady nivory ta Zalmona. ⁴²Niongaky baka Zalmona ndrozy le nivory ta Ponona. ⁴³Niongaky baka ta Ponona ndrozy le nivoryta Obota. ⁴⁴Niongaky baka ta Obota ndrozy le nivory ta Lay Abarima, Tany ty sisiny ty tany i Moaba. ⁴⁵Niongaky baka ta Lay Abarima ndrozy le nivory ta Dibon-gada. ⁴⁶Niongaky baka ta Dibon-gada ndrozy le nivory ta Almon-diblatima. ⁴⁷Niongaky baka ta Almon-diblataima ndrozy le nivory tany vohitsy Abarima, tandrify an'i Nebo. ⁴⁸Niongaky baka amy ty vohitsy Abarima ndrozy le nivory tany tany hain'i Moaba anila Jordana a Jeriko any. ⁴⁹Nivory tanila Jordana ndrozy, Baka aBeta Jesimota zisiky Abela Sitima tany ty tany Moaba rey. ⁵⁰Nivola tany Mosesy Yaveh tany maindrano Moaba tanila i Jordana ta jeriko le nanao hozao: ⁵¹"Mivolana amy olon'Israely le volano amindrozy hoe: 'Lafa mitsaky amy Jordana ho amy tany Kanana nareo, ⁵²le tsy maintsy roasinareo anatrehanareo mipetraky iaby amy azy tany iny any. Tsy maintsy ravanareo ty sarin-draha voasokitsy iaby androzy sady ravanareo ty fitoera anabony iaby. ⁵³Engaho ho alanareo ty tany sady mipetraka amizay eo, safe fa nameako ho hangnanareo azy tany iny. ⁵⁴Tsy maintsy lovanareo amy fananova loka ty tany, araky ty fokoa kiraikiraiky iaby. Ho tiahy fokoa bevata le tsy maintsy amenareo zara bevata amy tany, sady ty fokoa kely le ameanreo zara kely amy tany. Ndra ia ndra ia hilatsaha ty ankitsapaky amy ty fokoa kiraikiraiky iaby, zay tany zay le hiazy. handova azy tany iny ty fokoa ty razanareo nareo. ⁵⁵Fa laha tsy noroasinareo anilanareo eo ty mipetraky amy tany iny, ho avy manahaky ty fitaova amy masonareo eo sady fatiky amy ty takinana rey ty olo ze enganareo hiegnny. Hanasarotsy ty fiainanareo amy ty tany ze hipetrananareo ndrozy. ⁵⁶Le hanoviko aminareo avao koa zay ho faniriako ho anovoko amy olo reo."

Chapter 34

¹Nivola hozao tamy Mosesy Yaveh : ²"Didio ty olon'Israely sady volano hozao ndrozy: 'Lafa hilitry amy tany Kanana nareo noho ty rafitry ty taniny, ³hihitatsy bakamy efitsy zina manaraky ty sisn'i Edoma ty antimonareo. Ty sisiny antinana amy ty ilany antimo le ho amy tsipiky ze mijano amy fijanona antimon-driaky Sira. ⁴Ty faritsy taninareo le hiodaky manantimo ty vohitsy akribama sady mandeha manapatapaky ty efits'i Zina. Bakany ro mandeha manantimon'i Kadesi-barnea zay le mitohy mba Hazara-adara le mba Azmona. ⁵Bakany, ty sisiny tany le hiodaky baka a Azmona mba amy tany maindrano an'i Egipta le manoriky zay zisiky andriaky. ⁶Ty sisiny ty riaky mbandrefa ro ho sisiny tany ty riaky bevata. Io ro ho faritsy ty tany andrefanareo. ⁷Ty faritsy ty taninareo mbavaratsy hihitatsy manoriky ty tsipiky ze atokanareo zisiky amy ty Riaky Bevata le zisiky ambohitsy Hora, ⁸sady baka amy vohitsy Hora le zisiky Lebo-hamata, bakeo le zisiky Zedada. ⁹Bakeo ty faritsy ty tany hihitry zisiky a Zifrona le mifara a Hazar-Enana ao. Zay ty faritsy tany mbavaratsy nareo. ¹⁰Bakeo asio mariky ty faritry ty taninao antsinana zisky Hazar-enana antimo le zisiky Sefama. ¹¹Afara zay ty faritsy ty tany antinana hijotso baka a Sefama any le zisiky a Ribla, amy faritsy antinana an'i Aina ao. Ty faritsy tany mitohy manoriky ty faritsy antinana ty riaky Kinereta. ¹²Bakeo ty faritsy tane le hitohy mianantimo manoriky ranon'i Jordana le zisiky amy ty Riaky sira. Zay ty taninareo, manoriky ty sisiny mihodidy iaby."¹³Le nandidy ty olon'Israely i Mosesy le nanao hozao: "Toy ty tany ze ho azonareo amy filoka, ze fa nodidian'Yaveh amea ty fokoa sivy noho ty ila ty fokoa. ¹⁴Ty fokoa tarihan'i Robena, araky ty fitinginam-panagna ho tiahy fokkoa ty razandrozy, sady ty fokoa ty tariha i Gada, araky ty fitinginam-panagna ho tiahy fokoan-drazandrozy, sady ila ty fokoa i Manase iaby fa nandramby ty tanindrozy. ¹⁵Ty fokoa roe rey noho ty ila ty fokoa fa nandramby ty anjara-tany ampita i Jordana mianantimananan'i Jeriko, tandrifany ty fivakia ty andro."¹⁶Nivola tamy Mosesy yaveh le nanao hozao: ¹⁷"Retia iaby ty anara ty lahilahy ze hizara ty tany lovannareo: Eleazara mpisoro noho Josoa anaky Nona. ¹⁸Tokony hifily mpitariky raiky baka amy ty fokoa iaby mba hizara ty tany ho tiahy longo be ndrozy rey iha. ¹⁹Retia iaby ty anara lahilahy rey: Baka amy fokoa i Joda, le i Kaleba anaky jefone. ²⁰Baka amy fokoa tariha i Simeona, le i Semoela anaky Amihoda. ²¹Baka amy fokoa i Bennjamina, le i Elidada anaky Kislona. ²²Baka amy fokoa tariha i Dana raiky mpitariky, le i Boky anak'i jogly. ²³Baka amy tariha i Josefa, baka amy fokoa i Manase raiky mpitariky, le i haniela azak'i Efoda. ²⁴Baka amy fokoa i tarihan'i Efraima raiky mpitariky, le Kemoela anaky Siftana. ²⁵Baka amy fokoa tariha i Zebolona raiky mpitariky, le i Elifaza anak'i Parnaka. ²⁶Baka amy fokoa tariha Isakara raiky mpitariky, le Paltielan'Azana. ²⁷Baka amy fokoa tariha i Asera raiky mpitariky, le Ahihody anaky Selomy. ²⁸Baka amy fokoa tariha i Naftaly raiky mpitariky, le i Pedahela anak'i Amihoda." ²⁹Nididia Yaveh lahilahy rey mba hizara ty tany Kanana noho hanome ty isaky ty fokoan'Israely ty anjaran-drozy.

Chapter 35

¹Le nivola tamy Mosesy tamy ty tany hain'i Moaba tanila i Jordana ta jeriko teo Yaveh le nanao hozao: ²"Mibekoa ty olon'Israely mba hanome ty ilany amy ty zara rty taniny rey ho tiahy levita rey. Tokony ameandrozy tana mba hhipetrahany noho tany fihinana akata mihididy ty tana rey ndrozy.³Mba hoazo ty levita rey ty tana mba hipetrahany. Ty fihinana akata le ho tiahy biby fihary, ty aondry noho ty aosiny, dasy ty bibiny iaby. ⁴Ty fihinana akata mihodidy ty tana ze hameanao ty levita rey le hihitatsy arivo hakiho manomboky amy lakoro ty tanana saky ty lala iaby.⁵Hametatsy roa arivo hakiho ambaliky ty tana eo amy lafiny antinana iha, sady roa arivo hakiho amy lafiny antimo, roe arivo hakiho amy lafiny andrefa, sady roa arivo hakiho amy lafiny avaratsy. Ho fihinanan'akata ho tiahy tanany zay. Ty tana le ho anivony eo.⁶Ty eny amy tana ze hameanao Levita rey le atoka ho tana fialofa. Tokony hameanareo toera hafaha ty olo mamono olo milay rey. Hanome tana efaolo roe amby hafa avao koa. ⁷Ty tana ze nameanareo Levita rey le mihisaky efaolo valo amby.Tokony ameanao androzy rey miharo amy ty fihinanan'akata zay.⁸Ty fokoa bevata an'Isaraely, ty fokoa ze mana tany lakolako, le tsy maintsy hanome tana lakolako. Ty fokoa kely le hanome tana kely. Ty fokoa kiraikiraiky le tsy maintsy manohy ho tiahy Levita rey araky ty fizara ze fa nirambesiny iaby."⁹Le nivola tamy Mosesy Yaveh le nanao hozao: ¹⁰"Mivolana amy olon'Israely sady volano hoizao ndrozy: 'Lafa miampita amy Jordana ho amy tany Kanana any nareo,¹¹ le tokony hhitiny tana hanompo manahaky ty tana fivonia ho tiahinao, toera hilaisa hotiahy ty mamono olo tsy sitrapo. ¹²Ho fivonia ho tiahinareo amy ty mpamaly faty tana zay, mba tsy ho maty ziski hitsanganany hotsara aloha ty mpiaro petraky ty voatanjaky. ¹³Tokony mifily tana eny ho tana fivonia nareo. ¹⁴Tsy maintsy manome tana telo ampita i Jordana noho tana telo amy tany Kanana ao nareo. Hotana fivonia reo. ¹⁵Ho tiahy olon'Israely rey, ho tiahy vahiny rey, ho tiahy ze mipetraky aminareo eo , tana eny rey le hatoka ho fivonia ho hiahay ze mamono olo tsy sitrapo nilay. ¹⁶Fa laha nanisy ty azony tamy ty fitaova fy azy olo nasara, sady laha nimaty ty azony, le vatany mpamono olo ty nasara. Tokony ho vonoa vatany ie. ¹⁷Laha nanisy ty azony tamy vato tan-tanany teny ze mety hahafaty azy nasara iny, sady lafa nimaty azy niazony iny, le ho mpamono olo vatany ay nasara iny. Ho atao maty vatany ie. ¹⁸Laha nanisy ty azony tamy ty fitaovam-pialia hazo ze nahafaty azy nasara iny, le nimaty azy niazony ainy, le vatany mpamono olo azy nasara iny. Ho vonoa vatany ie. ¹⁹Ty mpamaly lio mety hamono azy mpamono olo. Lafa mifanojo aminy ie, le hamono azy azy mpamaly lio iny. ²⁰Laha amaly ty hafa amy fankalaina ndra manoraky raha aminy ie, laha mivony mba hamely azy ampitaky, le ho maty azy nniazony iny, ²¹na laha manisy azy amy fankalaina amy ty tanany le mahafaty azy niazony iny le ho vonoa vatany azy nasara ze nanisy azy. Mpamono olo ie. Ty mpamaly lio le hamono ze mamono olo lafa mifanojo aminy ie. ²²Fa laha manisy ty azo tampoky ty olo nasara le tsy nisy fiomana aloha noho ty fankahaina ndra mitoraky raha ze hanisy azy niazo le tany nandiny nivony ²³na laha mitoraky vato ze mety hahafaty azy niazo fe tsy nihitany azy niazo, le tsy ho fahavalony azy niazo iny azy nasara iny; Tsy nila handratsy azy niazondraha ie. Fa zao ty atao lafa maty azy niazo iny. ²⁴Amy ty raha manao hozay, le hitsara ty nasara noho ty mpamaly lio amy ty fatora ty lala mpiharo petraky rey. ²⁵Tsy maintsy hamonjy ty nasara amy ty fahefa ty mpamaly lio ty mpiharo petraky. Ty mpiharo petraky le tsy maintsy hanampoly ty nasara amy tany fivoniana ze nilaisany tany velohany. Hipetraky any ie zisiky mahafaty an'ny be ty mpisoro amy fotoa zay, azy toka ze nohosara tany soliky masy. ²⁶Fa laha miboaky mandilatsy fotoa amy faritsy tana fivonia ho amy ty filaisa ty nasara , ²⁷ka hita ty mpamaly lio ambaky ty faritsy ty tana fivoniana, sady laha mamono ty nasara ie, ty mpamaly lio le tsy ho sazia ho mpamono olo. ²⁸Zay le noho ty fitokia nipetraka ty olo nasara tany tana fivoniana zisiky mahafaty ty be mpisoro. Afara ty nahafatesa ty be ty mpisoro, azy nasara iny le himpoly amy ty tany ze nisy hanagnany raiky. ²⁹Zay lala zay le lala ho ahinareo amy ty tariha ty olo iaby amy ty toera iaby ze hipetrahanao. ³⁰Ndra ia ndra ia mamono olo le hovonao , araky ty fahamarina ty safa ty vavolombelo. Fa ty safa vavolombelo raiky le tsy afaky hahavy ty olo raiky ho vonoa ho maty. ³¹Sady tokony, Tsy hanenky ty vilim-panavota ho tiahy ay ty mpamono olo ze diso noho ty famonoa olo nareo. Tsy maintsy vonoa vatany ie. ³²Tokony tsy hanenky ty vilim-panavota ho tiahy olo ze milay amy ty tana fivonia nareo. Tokony tsy ho amy fomba zay hanenganao azy hipetraky amy ty fitoera zisiky hahafaty ty be ty mpisoro. ³³Ka lotoa amy fomba zay ty tany ze ipetrahanao, safe ty lio ty mpamono olo ro mandoto ty tany. Tsy misy fanavota ho ahy ty tany lafa latsaky amy tany ty lio, laha tsy amy ty lio ze nandatsaky zay. ³⁴Sady tsy tokony handoto ty tany ze ipetrahanao nareo safe mipetraky amizay eo Zaho. Izaho, Yaveh, le mipetraky amy olon'Israely eo."

Chapter 36

¹Le ty mpitariky ty longo ty razambe ty longo be tiahy Gileada anaky Makira (ze anky Manase), ze baka amy ty fokoa ty tariha i Josefa, le nniavy le nivola taloha i Mosesy noho taloha ty mpitariky ze loha ty longo ty razambeny ty olon'Israely. ²Hoasandrozy: "Yavh ro nandidy anao, lahy tomponay, mba hanome anjara tany ho tiahy olon'Israely amy ty filoka. Nodidian'Yaveh iha mba hanome anjara an'i Zelofada rahalahinay ho gnanakampelany. ³Fe laha manambaly lahilahy baka amy ty fokoa an'Israely hafa ty anakampelany rey, le hala tsy ho anjara ty razatsika ty anjarandrozy. Hagnampia ze anjara ty fokoa ze nandinandrozy zay. Amy zay le hala tsy ho anjara notinginy ho lovantsika zay. ⁴Amy zay, lafa avy ty tao ty Jobiliny olon'Israely, le hiharo amy ty anjara ty fokoa ze nandinandrozy ty anjarany. Le zay, ro hanga ty anjarandrozy amy ty anjara ty fokoa ty razatsika. ⁵Le namea baiko ty olon'Israely, tamy ty safa Yaveh i Mosesy, hoasany: "To ty safa ty fokoa ty tariha i Josefa. ⁶Zay ty nandidia Yaveh mikasiky ty anakampela i Zelofada. Hoasany: 'Engaho ndrpzy hanambaly ze hainy fa soa, fe hanambaly ze amy ty fokoa ty babany avao ndrozy. ⁷Tsy misy anjara ty olon'Israely hiova fokoa amy ty fokoa hafa. Ty kiraikiraiky amy ty olon'Israely le hitanjaky ty anjara ty fokoa ty razany. ⁸Ty ampela olon'Israely kiraikiraiky le mana anjara amy ty fokoany ao le tsy maintsy manambaly olo baka amy ty longo ty fokoa ty babany. Zay le mbo hanana ty kiraikiraiky amy ty olon'Israely lova baka amy ty razany. ⁹Tsy tokony hisy anjara mifalo tana hoa tiahy fokoa hafa. Ty olo iaby amy ty fokoa ty olon'Israely le hitanjaky ty lovany avao. ¹⁰Le nanao araky ze nandidian'Yaveh an'i Mosesy anakampela i Zelofada. ¹¹Mahala, Tirza, hagla, Milka, noho i Noa, rey ty anakampela i Zelofada le nanambaly ty tariha i Manase. ¹²Nanambaly tamy ty longo i Manase anaky Josefa ndrozy. Le zay, nioetraha ty lovandrozy tamy ty fokoa ze gnahy ty longo ty babany ndrozy. ¹³Rey ty lily noho lala ze namea Yaveh tamy alala i Mosesy ho tiahy ty olo tamy ty tany maidrano tiahy Moaba anila i jordana ta Jeriko tao.

Deuteronomy

Chapter 1

¹Manahaky zao ze nivolany i Mosesy tamy Israely iaby tamy sisiny i Jordana tanefitsy any, tamy ty mando eny ty lohambaibon-driaky ty renirano i Jordana tandrify i Sofa, tanila i Parana eo, Tofela, Labana, Hazerota, sady Dizahaba. ²Lala folo raiky amby andro baka Horeba any mandalo ty vohitsy Seira zisiky Kadesa-Barnea any zay. ³Tamy ty faha efa-polo tao, faha folo raiky amby vola, andro veloha ty vola, le niresaky tamy ty olo lakon'Israely i Mosesy, nivola tamin-drozy ze iaby nibekoa Yaveh ty mikasiky androzy. ⁴Zay ro tafara ty nanafiha i Yaveh an'i Sihona mpanjaka ty Amorita rey, ze nipetsaky ta Hesbona ao, noho Oga mpanjaka i Basana, ze nipetsaky ta Astarta ao ta Edrehy any. ⁵Tamy ty sisiny i Jordana any, tamy ty tany i Moaba, i Mosesy ro nanomboky nanambara ty lalà Njanahary rey, manao hozo: ⁶"Niresaky tamintsika ta Horeba any i Yaveh Njanaharintsika, manao hozo: 'Fa nipetsaky ela tamy ty vohitsy toy teto nareo. ⁷Tohizo ndraiky ty lianareo, sady mandehana amy ty vohitsy Amorita rey any noho amy ty toera iaby eny any amy ty mando ty lohambaibon-driaky ty Renirano i Jordana, amy ty vohitsy eny, amy ty faritsy maiva eny, a-Negreva ao, noho amorontsiraky eny---amy ty tany Kananita eny, noho a-Lebanona any le zisiky amy ty loharano bey any, le Eofrata. ⁸Ingo, fa nameako anareo ty tany; mandehana ao sady lova ty tany ze niaina Yaveh tamy ty razambenareo rey--- tamy i Abrahama, tamin-tsika, sady tamy i Jakoba---fa amea androzy noho tarihany rey afara ao. ⁹Niresaky taminareo zaho tamy fotoa zay, nanao hozo: 'Tsy zakako raiky nareo. ¹⁰Fa nampitombo Yaveh Njanaharinareo nareo, sady, ingo, amy zao nareo ro lako manahaky ty basia an-danitsy eny. ¹¹Yaveh, Njanahary ty razanareo, lahy hampitombo arivo raiky eny ty halakoanareo ammy zao, sady hitahy nareo, manahaky ty fa nampanantenany anareo! ¹²Fa amy ty fomba akory ro hihanjaky raiky ty vesatsinareo, ty enta-mavesatsinareo, sady ty fialianareo? ¹³Mangalà lahilahy hendry, lahilahy manam-pahaiza, sady lahilahy manan-daza amy ty soa isaky ty foko, sady hanoviko ho olo-benareo ndrozy. ¹⁴Namaly ahy nareo sady nivola hozo: 'Ty raha ze nivolaninao ro soa hanovinay' ¹⁵Ka le nalako lohany rey amy ty fokonareo eo, le lahilahy hendry rey, noho lahilahy manan-daza soa, ka le hanao androzy ho olo-benareo, mpifehy ty arivo raiky, mpifehy ty zato, mpifehy ty dimam-polo, mpifehy ty folo, sady manam-boninahitsy, isaky ty foko. ¹⁶Nibeko mpitsara nareo rey zaho tamy fotoa zay, nanao hozo: 'Janjino ty fifamalia amy ty raharahanareo eo rey, sady mitsarà am-pahamarina aloha ty olo noho ty rahalahiny, sady vahiny ze miaraky aminy rey. ¹⁷Tsy hampitombo fitongilana ndra amin'ia ndra amin'ia anay fialia nareo; hijanjy maliniky rey sady hijanjy ty bey rey avao koa nareo. Tsy hatahotsy ty endriky ty olo nareo, safe an-Janahary ty fitsarà. Ty fialia ze sarotsy ho ahy nareo, le handesinareo amiko eto, ka le ho reko zay. ¹⁸Tamy fotoa zay zaho ro nibeko anareo raha iaby tokony hanovinareo rey. ¹⁹Niala baka Horeba any tsika sady nandeha nameno ty efitsy bey noho

mampatahotsy ze hitanareo, tamy ty lalanareo ehy ho amy ty vohitsy Amorita rey any, manahaky ty nibekoa Yaveh Njanaharintsika tsika; ka le niavy ta Kadesi-Barnea ao tsika.²⁰ Hoy zaho taminareo hozo: 'Niavy amy ty tany vohitsy Amorita rey etoy any tsika, ze amea i Yaveh Njanaharintsika ho antsika.²¹ Ingo, Yaveh Njanaharinao ro fa nampipetsaky ty talohanao any; mandehana, mandovà, manahaky ty fa nivolany Yaveh, azy Njanahary ty razambenao iny taminao; ka matahotsy ndra koa kivy.²² Nareo kirai-draiky baka iaby namonjy ahy sady nivola hozo: 'Andao tsika handefa lahilahy handeha hitari-dala antsika, sady handay tatitsy mikasiky ty fomba hanafihantsika, noho mikasiky ty tanà handehanantsika,²³ Teateako ahy torohevitsy iny; nangalaky lahilahy folo roa amby taminareo eo zaho, lahilahy raiky isaky ty foko.²⁴ Nitoliki-loha ndrozy sady niakatsy ho amy tanà iny eny am-bohitsy eny, niavy tamy ty Loham-baibo i Eskola ao, sady nanao fisaona tao.²⁵ Nangalaky ty ilany tamy ty vokatsy tamy tany iny eo tan-tanany eny ndrozy sady nanday zay taminy eo. Nanday safa ho anay eny koa ndrozy ka le nanao hozo: 'Tany soa ze amea Yaveh Njanaharintsika ho antsika zay.²⁶ Nefa nareo nandà ty hanafiky, fa niharo hanohitsy ty lily Yaveh Njanaharinareo.²⁷ Nitoreo tanay ty lainareo nareo sady nivola hozo: "Safe hala Yaveh isaky le nandesiny am-pelantana ty Amorita eny mba hanoro antsika.²⁸ Aia ro azontsika andeha amy zao? Ty fon-tsika ro fa nampitahora ty rahalahintsika rey hozo: 'Ngeza sady lava noho tsika olo lako rey; bey noho mahery manakatsy ty lanitsy ty tanàn-drozy; fanampy zay, fa hitantsika tany ana ty Anakita rey."²⁹ Le hoy zaho taminao hozo: 'Ka mangorohoro, ndra koa matahotsy androzy.³⁰ Yaveh Njanaharinao, ze nandeha aloha anao, le hialy ho anao, manahaky ty raha iaby ze fa nanoviny tamasonao rey ho anao ta Egipta ao,³¹ sady koa tambaliky any, ze nahitanao ty fomba nikarakara Yaveh Njanaharinao anao, manahaky ty ikarakara ty lahilahy raiky ty anakilahiny, ndra taia ndra taia nandehananao zisiky-hiavianao tamy toera toy eto.³² Nefa ndra le teo aza safa zay le tsy nino an'Yaveh Njanaharinareo,³³ ze nitari-dala anareo mba hila toera hipetsahanareo nareo, tamy ty afo ty haly sady tamy ty raho ty andro.³⁴ Ré Yaveh ty feo safanareo sady le neloky Ie; nifanta Ie sady nivola hozo: "³⁵ Azo antoky fa tsy hisy raiky amy olo reto baka amy ty tariha raty reto hahita tany soa ze nifantako iny fa hameako ty razanareo rey;³⁶ hafa i Kaleba ana i Jefona; hahita zay ie. Hameako azy, noho ty anany ty tany ze fa nandehanany, safe nanoriky tanteraky an'Yaveh ie.³⁷ Neloky tamiko noho ty aminareo avao koa Yaveh, manao hozo: 'Iha avao koa ro tsy ho any;³⁸ Jesoa anakilahy i Nona, ze mitsanga alohanao eo, le handeha any; hampaherezo ie, safe ie ro hitariky an'i Israely handova zay.³⁹ Fanampy zay, zafikelinao rey, ze nivolaninao fa ho tea rey, ze tsy mana fahaiza ty amy ty soa noho ty raty amy zao—le ho any ndrozy. Ameako androzy zay, sady ho lovany zay.⁴⁰ Fa laha ty aminao, mimpolia sady mandehana an'efitsy any manoriky ty lala mana amy ty Riaky Mena any.⁴¹ Sady namaly nareo ka le nivola tamiko hozo: 'Nanota tamy Yaveh zahay; hitsanga noho hialy zahay, sady hanoriky ze iaby fa nibeko Yaveh Njanaharintsika hanovintsika.' Ty lahilahy iaby taminareo ao ro nampilitsy ty kobay-fialiany, sady nareo nivonona hanafiky azy tany vohitsy iny.⁴² Hoy Yaveh tamiko hozo: "Volano androzy hozo: "Ka manafiky sady ka mialy, safe tsy hiaraky aminareo Zaho, sady ho rey ty fahavalonareo rey nareo."⁴³ Manahaky zay ro nivolanako anareo, nefa tsy nijanjininareo. Nanohitsy ty lily Yaveh nareo; nirengirengy nareo sady nanafaky tany vohitsy iny.⁴⁴ Fa Amorita rey, ÷ nipetsaky tamy ty tany vohitsy io, le niboaky nanohitsy anareo sady nania anareo manahaky ty tantely, sady namango anareo ta Seira ao, zisiky a-Horma ao.⁴⁵ Nimpoly sady nitany tanila Yaveh eo iha; nefa Yaveh tsy nijanjy ty feonao, ndra nanenty anao.⁴⁶ Ka le nijano ta Kadesa so tanay ty andro lako iha, manahaky ty andro ze nijanonanao tany rey.

Chapter 2

¹Sady nimpoly ka le nanohy ty liany nana ambaliky any mana amy ty Riaky Mena any zahay, manahaky ty nivolany Yaveh tamiko; le nandeha niodidy ty vohitsy Seira tanay ty andro lako zahay. ²Sady niresaky tamiko Yaveh, nanao hozo: ³'Fa ampy ty fotoa lava nandehananareo miodidy ty vohitsy toy; Fa mandehana manavaratsy. ⁴Beko ty olo, manao hozo: "Mila mandalo ty sisin-tany ty rahalahinareo rey nareo, le ty tariha i Esao, ze mipetsaky a-Seira any; hatahotsy anareo ndrozy. Laha zay niembena ⁵mba tsy hialy amin-drozy, fa tsy hameako amy ty tanin-drozy nareo, ndra le tany eran-delatomboky hamaloza ty tomboky aza; safe fa nameako an'i Esao ho hanana ty Vohitsy Seira. ⁶Jala ro hivilianao hany amin-drozy, mba hafahanao mihina; jala avao koa ro hivilianao rano amin-drozy, mba hafahanao mino. ⁷Safe Yaveh Njanaharinao ro nitahy anao tany ty asa ty tananao iaby; fa hainy ty nandehananao amy tany efitsy bevata toy. Safe niaraky ami ao Yaveh Njanaharinao tanay ty efa-polo tao zay, ka le tsy mijaly ndra ino ndra ino iha. ⁸"Ka le nandalo tany ty tany ty rahalahintsika any tsika, le ty tariha i Esao ze mipetsaky a-Seira any, lavitsy ty lala i Araba, baka Elata noho Ezion-Gebera any. Hakeo nimpoly tsika ka le nandalo tany ty lala eo mana amy ty tany efitsy i Moaba eo. ⁹Hoasa Yaveh tamiko hozo: 'Ka manakoronta an'i Moaba, sady ka mialy amin-drozy. Fa tsy hameako anao ho fananao manoka ty taniny, safe Ara fa nameako ty tariha i Lota rey, ho fananan-drozy. ¹⁰(Nipetsaky tany ty Emima taloha, ze firenea bevata, lako hisaky, sady lava manahaky ty Anakita; ¹¹nirambesiny manahaky ty Refaita avao koa rey, manahaky an'i Anakita rey; fa nikaihy Moabita rey hoe Emima ndrozy. ¹²Nipetsaky ta Seira any avao koa Horita taloha rey, fe niroasy ty tariha i Esao ndrozy. Naravany tsy ho alohany eo ndrozy ka le nipetsaky tany ty pilasin-drozy eo, manahaky ty nanovy Israely tany ty tany ze namea i Yaveh androzy.) ¹³"Amy zao mitsangana sady mandehana amy ty loham-baibon-driaky Zareda any. ¹⁴Sady ty andro nandehananany baka Kadesi-Barnea any le zisiky amy ty loham-baibon-driaky Zareda any, le naharitsy telopolo valo amby tao. Tamy andro zay ro mahalasa ty lahilahy mpialy tany tariha tany ty olo eo io, manahaky ty nifanta Yaveh tamin-drozy. ¹⁵Fanampy zay, nanohitsy ty tariha zay ty tana Yaveh mba handrava androzy tsy ho amy ty olo zisiky-mahafatian-drozy eo. ¹⁶Ka le zao ro nitsanga, lafa maty ty lahilahy mpialy rey ka le niala tany olo rey, ¹⁷le niresaky tamiko Yaveh, nanao hozo: ¹⁸'Amy zao iha le handalo an'i Ara, sisiny i Moaba. ¹⁹Lafa manariny ty tany i Amona iha, le ka manakoronta ndra mila aly amin-drozy; fa tsy hanome anareo ty tany ty olo lako i Amona ho fanana zaho; safe fa nameako an'i tariha i Lota rey ho fanana zay. ²⁰(Zay avao koa ro rambesiny ho tany i Refaita. Fa nipetsaky tao Refaita taloha rey—fa Amonita rey nikaiky androzy hoe Zamzomita— ²¹firenea bevata rey, lako hisaky, sady lava manahaky ty Anakita. Fa Yaveh nandrava androzy tsy ho aloha ty Amonita rey eo, sady nirambesiny androzy ka le nipetsaky tany ty toeran-drozy eo. ²²Manahaky zay koa ro nanovy i Yaveh tany i olo lako i Esao, ze nipetsaky ta Seira any, lafa nandrava Horita rey tsy ho alohany eo ndrozy, ka le nandroaky androzy ty tariha i Esao sady nipetsaky tany ty toeran-drozy rey eo zisiky amy zao. ²³Sady ty amy Avita ze nipetsaky tany ty tanà lavitsy rey manahaky an'i Gaza, le narava ty Kaftorita, ze baka Kaftora any ndrozy, ka le nipetsaky tany ty toeran-drozy ao. ²⁴"Amy zao mitsangana, mandehana amy ty lianareo, sady nandalova amy ty loham-baibo i Armona any; ingo, namea am-pelatananao eo i Sihona azy Amonita iny, mpanjaka i Hesbona, noho ty taniny. Haiko ty hananao, sady mialia aminy. ²⁵Amy zao le hanomboky hampipetsaky ty tahotsy noho horohoro anao amy ty olo ze ambany ty lanitsy raiky iaby eo zaho; haharé vaovao mikasiky anao rozy sady hangitikitiky noho hangorohoro noho ty amina. ²⁶Naniraky mpanday hafatsy baka ambaliky i Kedemota any zaho hana amy i Sihona any, mpanjaka i Hesbona, niaraky tany ty safa filongo, manao hozo: ²⁷Engao zaho handalo amy ty taninao eo; fa manoriky ty lala-bey ty handehanako; sady tsy hivio hanan-kavana ndra hanan-kavia zaho. ²⁸Jala ro hiviliako hany amina, mba hafahako mihina; jala ro hiviliako rano, mba hafahako mino; engao avao zaho handeha; ²⁹manahaky ty nanovy ty tariha i Esao ze mipetsaky a-Seira any, noho Moabita ze mipetsaky Ara tamiko any reg; zisiky-hiaviako a-Jordana any mana amy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinay ho ahy nay any. ³⁰Fa Sihona, mpanjaka i Hesbona, le tsy hanenga antsika handalo aminy eo; safe Yaveh Njanaharinao le nampahery ty sainy noho nampahery ty fony, mba hafahany mandresy azy amy ty herinao, ze fa nanoviny amy zao. ³¹Hoy Yaveh tamiko hozo: 'Ingo, fa nanomboky nanome an'i Sihona noho ty taniny talohanareo eo Zaho; haizo ty fanana zay, mba hafahanareo mandova ty taniny. ³²Bakeo Sihona niavy nanohitsy antsika, ie noho olo lakony iaby rey, mba hialy a-Jahaza any. ³³Fa nanome Yaveh Njanaharintsika tamintsika ie ka le resintsika; nivonontsika ho maty ie, noho anakilahiny rey, sady olo lakony rey. ³⁴Nalatsika iaby ty tanàny iaby tany fotoa zay sady naravatsika tanteraky ty tanà iaby—lahilahy noho ampela rey sady maliniky rey; tsy nisy nengatsika ho velo. ³⁵Ty biby haré ze azontsika, niaraky tany ty fanana tany azy tanà iny ao avao ro nalantsika. ³⁶Zisiky Aroera any, ze amy ty sisiny ty loham-baibo i Arnona any, ka le zisiky amy ty tanà ze amy ty loham-baibo any, ka le zisiky amy ty lala iaby mana Gileada any, ro tsy nisy tanà abo maré ho antsika. Yaveh Njanaharintsika ro nanome fandreseha ho antsika tany ty fahavalo rey alohantsika eo.

³⁷Tamy azy tanà iny rey eo tariha i Amona avao ro tsy nandehananao, mbamy sisny ty renirano Jakoba iaby rey, noho tanà ty vohitsy rey---ndra taia ndra taia nirarà Yaveh Njanaharinay tsy handehanantsika.

Chapter 3

¹Sady nimpoly zahay ka le nandeha tamy ty lala mana Basana any. Oga, mpanjaka i Basana iny, avy noho nanafiky anay, ie noho olo lakony iaby rey, mba hialy a-Edrehy ao. ²Hoy Yaveh tamiko hozao: 'Ka matahotsy azy; safe fa nameako fandrese a taminy eo nareo eo sady fa nampipetsaky ty olo lakony noho ty taniny iaby tambany fahefanareo eo Zaho. Hanovinareo aminy ze nanovinareo tamy i Sihona, mpanjaka i Amorita, ze mipetsaky a-Hesbona any.³Ka le namea Yaveh Njanaharinay anay ty fandrese an'i Oga mpanjaka i Basana, sady olo lakony iaby rey ro nanovy tambany fahefanay eo. Nivonony iaby ie iaby zisiky tsy hampisy tavela sasy ty olo lakony rey. ⁴Nalany iaby tanàny iaby tamy fotoa zay rey; tsy nisy tanà ze tsy nalanay tamin-drozy: tanà enim-polo—ty faritsy i Argoba iaby, ty fanjaka i Oga a-Basana ao.⁵Tanà iaby rey ro voaaro soa tamy ty alala ty vala abo, vavahady, sady hihily maré; hafa-tsy vohitsy lako ze tsy misy vala. ⁶Niravanay tanteraky ndrozy, manahaky ty nanovinay tamy i Sihona mpanjaka i Hesbona, niravà tanteraky tanà iaby rey—ty lahilahy noho ty ampela sady ty aja. ⁷Fa ty biby haré iaby noho ty fanana tamy ty tanà ao rey koa, le nalanay mba ho fanananay.⁸Tamy fotoa zay ro nangalanay ty tany tam-pelatana ty mpanjaka roe i Amorita rey eo, ze tambaliky i Jordana any, miala amy ty Loham-baibo i Arona eo zisiky amy ty Vohitsy Hermona any ⁹(Vohitsy Hermona ze nikaihy ty Sidoniana hoe Siriona, sady nikaihy ty Amorita rey hoe Senira) ¹⁰noho tanà ty tany mando iaby, Gileada iaby, sady ty Basana iaby, ty lala iaby mana Seleka noho Edrehy any, tanà ty fanjaka i Oga rey a-Basana ao."¹¹(Tamy sisa velo tamy i Refaita rey, le i Oga mpanjaka i Basana raiky avao sisa le tavela. Ingo! Ty firoroany ro firoroa vy. Moa tsy ta Raba any, tamy ze nipetsaha ty tariha i Amona rey va zay? Sivy hakiho ty halavany sady efatsy hakiho ty sakany, manahaky ty fomba fametara ty olo.)¹²Ty tany ze nalany ho fanana tamy fotoa zay-tamy i Aroera, ze tamy sisiny ty Loham-baibo i Gileada, ty antsasaky ty vohitsy ty tanà i Gileada, noho tanàny rey- le fa nameako an'i Rebonita noho Gedita rey. ¹³Ty Gileada sisa tavela noho Basana iaby, fanjaka i Oga iny, le nameako ty antsasaky ty foko i Manase: faritsy i Argoba iaby rey, noho Basana iaby. (Faritsy zay avao ro kaihe hoe tany i Refaita.)¹⁴Jaira, tariha i Manase, ro nangalaky ty faritsy i Argoba iaby zisiky amy i Gesorita noho Makatita any. Ty faritsy iaby, eka fa ndra le i Basana aza, le nikaihiny tamy ty anarany manoka hozao: Havota-jaira, zisiky androany.)¹⁵Nameako an'i Makira i Gileada. ¹⁶Robenita noho Gadita rey ro nameako ty tany manomboky Gileada eo ka le zisiky amy ty Loham-baibo i Arnona eo—ty anivo azy loham-baibo iny ro fari-tany ty faritsy iny—sady le zisiky amy ty Renirano Jakoba any, ze fari-tany ty tariha i Amona. ¹⁷Fari-taniny hafa avao koa ty tany mando ty loham-baibon-drenirano i Jordana, manomboky Kireneta eo le zisiky amy ty Riaky i Araba any (Hozao zay: Azy riaky-sira iny) le zisiky amy ty hantsa ty Vohitsy Pisga antinana any.¹⁸Nibeko anareo zaho tamy fotoa zay, nanao hozao: 'Yaveh Njanaharinareo le fa nanome anareo tany toy mba ho lova; nareo, ze voaoma ho ahy ty aly iaby, le hitandraky-fialia hita aloha ty rahalahinareo rey eo, olo lakon'Israely rey.¹⁹Fa valinareo rey, anakinareo rey, noho biby fiharénareo rey (Haiko fa mana biby fihary lako maré nareo), le hipetsaky amy ty tanànanareo ze fa nameako anareo, ²⁰ziziky hanomeza Yaveh fijanona an'i rahalahinareo rey, manahaky ty nanovy anareo, ziziky-hanan-drozy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinareo androzy amy sisiny i Jordana any; bakeo nareo, nareo iaby, himpoly ho amy ty fanananareo manoka anybze fa nameako anareo.²¹Nibeko an'i Josoa zaho tamy fotoa zay, nanao hozao: "masonao rey ro fa nahita ze iaby nanovy Yaveh tamy ty mpanjaka roe rey; Yaveh ro hanao manahaky zay amy fanjaka iaby ze hitanareo rey. ²²Tsy hatahotsy androzy nareo, safe Yaveh Njanaharinareo ro azy raiky ze hialy ho ahy nareo iny."²³Nangataky tamy Yaveh zaho tamy fotoa zay, nanao hozao: ²⁴"Tompô Yaveh e, nanomboky nampitoto ty habevatanao noho ty tananao mahery tamy ty mpiasanao Iha; fa aia an-danitsy any ndra an-tany eto ro misy njanahary afaky manao asa manahaky ty fa nanovinao rey, noho asa mahery manahaky rey zay? ²⁵Engao zaho hahita, mangataky aminao zaho, ka le hahita ty tany soa ze ambaliky i Jordana any, ty vohitsy soa ty tanà, sady Lebanona avao koa."²⁶Fa meloky tamiko Yaveh noho iha; tsy nijanjy ahy Ie. Hoy Yaveh tamiko: "Engaho ho ampy anao toy-ka miresaky lako amiko mikasiky olo zay: ²⁷miaakara anabo i Pisga any sady ampananteo andrefa any, avaratsy any, antimo any, sady antinana any ty masonao; henteo amy ty masonao, safe tsy hita an'i Jordana iha. ²⁸Fa koa, ampianaro i Josoa sady ampaherezo noho tambatambazo ie, safe ie ro handeha aloha ty olony, sady ie ro hahavy androzy handova ty tany ze ho hitanao."²⁹Laha zay le nijano tamy ty loham-baibo ao amy sisiny i Beti-Peora ao zahay.

Chapter 4

¹Amy zao, Israely, mijanjy ty lalà noho ty lily ze hampianariko anareo, hanovinareo; mba hahaveloanareo noho hiliranareo ka le hangalanareo ty tany ze hamea i Yaveh, Njanahary ty razanareo iny nareo. ²Engaho nareo tsy hanampy ty safa ze hibakoa nareo, ndra hangalaky amy zay, mba hiembenareo lalà Yaveh Njanaharinareo ze hibekoa anareo. ³Ty masonareo le fa nahita ze nanovy i Yaveh noho Bala-Peora; safe ty olo iaby ze nanoriky an'i Bala-Peora, le narava Yaveh Njanaharinao hiala taminao eo. ⁴Fa nareo ze niaritsy tany i Yaveh Njanaharinareo koa ro mbo velo amy zao, ty iaby aminareo. ⁵Ingo, nampianatsy lily noho-lalà anareo zaho, manahaky ze nibekoa Yaveh Njanahariko ahy, fa tokony hanao zay anivo ty tany ze hiliranareo mba ho azonareo any nareo. ⁶Ka le embeno zay ka le anovo; fa zay ro fahendrea noho fahazavan-tsainareo amaso ty olo ze haharé ty mikasiky lily iaby rey eo ka le hanao hozao: 'Azo antoky fa olo lako hendry sady manam-pahaiza firenea bevata toy.' ⁷Fa ia ro firenea bevata hafa ze mana njanahary mariny azy vatany, manahaky an'i Yaveh Njanaharitsika isaky ty mikaiiky Azy tsika? ⁸Ia ro firenea bevata hafa ze mana lily noho-lalà marina manahaky lalà ze apetsaky alohanareo eto androany toy? ⁹Fa miembena sady ambeno soa ty vatanao, mba tsy hanalinoanao ty raha ze hita ty masonao, sady mba tsy hiala ty fonao amy ty androm-piainanao iaby zay. Fa koa, ampahaizoko amy ty anakinao noho ty zafinao zay. ¹⁰Tamy ty andro ze nitsangananao tanila Yaveh Njanaharinao ta Horeba any, le nivola tamiko Yaveh hozao: 'Aorio ho Ahy ty olo lako, sady Zaho hampaharé androzy ty safako, mba hianaran-drozy hatahotsy Ahy amy ty andro-piainan-drozy iaby an-tany eto, ka le hafahan-drozy mampianatsy ty anany.' ¹¹Le nanariny nareo sady nitsanga tam-pototsy ty vohitsy eo. Nirehitsy afo nanakatsy ty halaliky ty lanitsy ty vohitsy, niaraky tany ty haike, raho, sady haikim-pito matevy. ¹²Nivola taminareo baka anivo ty afo ao Yaveh; naharé ty feo niaraky tany ty safa nareo, fe tsy nahita endriky; naharé feo avao nareo. ¹³Nanambara taminareo ty fanenkea ze nibekoany hatoronareo Ie, le ty Lily Folo. Nisoratany tany ty vato pisake roe zay. ¹⁴Nibeko ahy hampianatsy anareo ty lily noho beko Yaveh tany fotoa zay, mba hananovanareo zay amy ty tany ze h.anapahanareo any ka le halanareo ho fanana. ¹⁵Ka le miembena soa—fa tsy nahita karazan'endriky nareo tany andro niresafa Yaveh taminareo zay ta Hoteba ao baka anivo ty afo eo zay— ¹⁶mba tsy hanimba vata nareo ka le hamboatsy sary sokitsy mitovy endriky amy ze mety ho voahare iaby, le endrik'olo lahikahy ndra ampela, ¹⁷ndra mitovyndriky amy ze mety ho biby iaby an-tany eto, ndra mitovy endriky amy ze mety ho biby mana elatsy sady mitily amy ty lanitsy eny, ¹⁸ndra mitovy endriky amy ty raha iaby ze milaly amy ty tany, ndra mitovy endriky amy ty fia anay rano ambany tany any. ¹⁹Engao ty masonao tsy hiandra ty lanitsy sady hanenty ty masonao, ty vola, ndra ty basia— ty raha iaby amy ty lanitsy eny—ka le voatao hivavake amy rey noho hanompo an'i rey—raha ze nanomeza Yaveh Njanaharinao anjara ho ahy ty firenea iaby ambany lanitsy. ²⁰Fa Yaveh nangalaky anareo ka le nanday anareo niala baka amy ty fatapera fiketseha-vy ao, le baka Egypta any, mba ho olo lako ze lovany manoka, manahaky anareo amy zao. ²¹Meloky tamiko Yaveh noho ty aminareo; nifanta Ie fa tsy hanapaky an'i Jordana zaho, sady tsy hilitany amy tany soa zay ao, le ty tany ze amea Yaveh Njanaharinao no lovonao. ²²Fa koa, tsy maintsy ho maty amy tany toy eto zaho; tsy mahazo manapaky an'i Jordana zaho; fa nareo koa le hanapaky sady hahazo tany soa zay. ²³Embeno soa ty vatanareo, mba tsy hanalino ty fanenkea Yaveh Njanaharinareo, ze nanoviny taminareo, ka le hamboatsy sary sokitsy mitovy endriky amy ze iaby nandra Yaveh Njanaharinao tsy hanovinao. ²⁴Fa afo mandevy Yaveh Njanaharinao, sady Njanahary masiaky. ²⁵Lafa mana-anaky noho zafy iha, sady lafa nipetsaky ela tany ty tany ao, sady laha manimba ty vatanao ka le manao sary sokitsy manahaky ty endriky ze mety ho raha iaby, sady manao ze raty amaso i Yaveh Njanaharinao eo, mba hampihetsiky ty helokiny— ²⁶le mikaiiky ty lanitsy noho ty tany zaho androzy ho vavolombelo aminareo fa ho rava hiala amy ty tany ze hitanareo an'i Jorama eo ho hanananareo vatany nareo; tsy ho lava andro ao nareo, fa ho rava tanteraky. ²⁷Haparitaky Yaveh amy ty olo lako eo nareo, ka le hengà tsy ampy hisaky amy ty firenea rey eo, ze handay Yaveh anareo nareo. ²⁸Any nareo ro hanompo njanahary hafa, ze asa ty tanan'olombelo, vita amy ty hazo noho vato, zay sady tsy mahita, le tsy maharé, le tsy mihina, ndra manimbo. ²⁹Fa baka any nareo ro hila an'Yaveh Njanaharinareo, ka le hahita Azy, lafa mila Azy amy ty fonareo iaby noho amy ty fanahinareo iaby nareo. ³⁰Lafa malahelo nareo, sady lafa avy nareo raha iaby zay, le himpoly amy Yaveh Njanaharinareo nareo ka le hijanjy ty feony afara any. ³¹Fa Njanahary mpamalo fo Yaveh Njanaharinareo; tsy hiala ndra handrava anareo Ie, ndra hanalino ty fanenkea ty razanareo ze nifantany tamin-drozy. ³²Fa zao ro diniho ty andro fa lasa, ze talohanareo: manomboky tany ty abdro ze niharé Njanahary ty olombelo tan-tany teto, sady nanomboky tany ty ila ty lanitsy ka le zisiky amy ty ilany hafa eo, diniho laha nisy manahaky raha bevata zay, sady moa va fa nisy raha manahaky ze mbo ré? ³³Moa va fa nisy olo lako naharé olo lako naharé ty feon-Janahary nivola tanivo ty afo eo, manahaky ty nandresenareo, ka le velo? ³⁴Ndra moa va Njanahary fa nila ty handeha ka le hangalaky firenea ho Azy baka anivo ty firenea hafa eo, amy ty alala ty fitsapà, noho aly, amy ty tana mahery, noho sandry mitsotsa, sady amy ty horohoro bevata, manahaky ty raha-

iaby ze nanovy Yaveh tamasonareo ho ahy nareo ta Egipta any?³⁵Iha ro nampitoroany raha ren'y, mba hahazanao fa Yaveh ro Njanahary, sady tsy misy hafa mandilatsy Azy. ³⁶Baka an-danitsy any ro nampahereziny anao ty feony, mba hafahany mampianatsy anao; tan-tany eto ro nampitoroany anao ty afony bevata; naharé ty feony baka anivo ty afo eo iha. ³⁷Safe tea ty razambenao rey Ie, le nitingy ty tariha ze nanolo androzy, ka le nanday anao niboaky a-Egipta tany ty famonjeany eo, tany ty heriny bevata; ³⁸mba handroaha ty firenea bevata noho matanjaky noho iha hiala alohanao eo, ka le hampilitsy anao ao, mba hanomeza anao ty tanin-drozy ho lova, manahaky ty androny. ³⁹Ka le hainao androany, sady anovo am-ponao ao zao, fa Yaveh ro Njanahary an-danitsy any anabo noho an-tany eto ambany eto; sady tsy misy hafa. ⁴⁰Hiemby ty liliny noho ty lalàny ze hibekoako anao androany iha, mba ho mety ty aminao noho ty tariha manolo anao, sady mba hahalava ty andro hiainanao amy ty tany ze amea Yaveh anao zisiky farany eo. ⁴¹Bakeo le nitingy tanà telo baka amy ty ilany antinana i Jordana eny i Mosesy, ⁴²mba hafaha ty olo milay amy ty raiky amy ty raha Sendra mamono olo-hafa tampoky any ie, nefa mbo tsy fahavalony taloha any. Ty filaisa amy ty raiky amy ty tanà rey any ro mety hahatafaboaky velo azy. ⁴³Bezera tan-tany efitsy any, tany ty tany mando any, a-Robenita any; Ramota ta Gileada ao, ahy ty Gadita; sady Golana ta Basana any, any ty Manasita zay. ⁴⁴Zay ro lalà ze napetsaky i Mosesy taloha ty olo lakon'Israely rey eo; ⁴⁵rey ro fanenkeam-pivavaha, lalà, sady lily hafa ze nambarany tany ty olo lakon'Israely lafa niboaky baka Egipta ao ndrozy, ⁴⁶lafa tan-tinana i Jordana eny ndrozy, tany ty loham-baibo nanandrify an'i Beta-Peora any, tany ty tany i Sihona any, mpanjaka ty Amorita, ze nipetsaky ta Hesbona ao, azy niresafy i Mosesy ty olo lakon'Israely iny lafa niboaky an'i Egipta ndrozy. ⁴⁷Nalan-drozy ho fananany ty taniny, noho ty tany i Oga mpanjaka i Basana— rey ro mpanjaka ty Amorita roe, ze tan-tsisy i Jordana nanan-tinana any. ⁴⁸Nanomboky baka Aroera any, tany sisiny ty loham-baibo i Arnona eo, ka le zisiky amy ty Vohitsy Siona any (ndra Vohitsy Hermona) fari-tany zay, ⁴⁹sady tafilitsy tany zay ao ty mando ty loham-baibon-driaky i Jordana iaby, manantinnana nana amy sisiny i Jordana any, mana amy ty Riaky i Araba any, ka le zisiky amy ty hantsa ty Vohitsy Pisga any.

Chapter 5

¹Le nikaiky ty Israely iaby i Mosesy ka le nanao tamin-drozy hozao: "Israely, janjino, lalà noho lily ze ho volaniko an-tsofinareo so henanikio rey, mba hafahanareo hianatsy noho hiemby zay. ²Yaveh Njanaharintsika nanao fanenkea tamintsika ta Horeba ao. ³Tsy nanao fanenkea zay tamy razambentsika rey Yaveh, fa tamintsika, ro tsika iaby velo eto henanikio. ⁴Niresaky mivanta taminareo tamy ty vohitsy ro baka anivo ty afo i Yaveh ao ⁵(Nitsanga tanivonareo eo noho Yaveh zaho tamy fotoa zay, mba hanambara aminareo ty safany; fa natahotsy nareo noho ty afo, Ka le tsy niakatsy tam-bohitsy ao nareo). Le hoy Yaveh hozao: ⁶Zaho ro Yaveh Njanaharinareo, ze nanday anareo hiala tamy ty tany Egipta ao, hiboaky ty tsano fanandevoza. ⁷Tsy hana njanahary hafa alohako eo nareo. ⁸Tsy hanao sarin-draha voasokitsy ho anareo nareo ndra endrin-draha ze amy ty lanitsy anabo eny, ndra ze amy ty ambany tany etoy. ⁹Ka mandohaliky amy rey iha ndra manompo androzy, fa Zaho, Yaveh Njanaharinao, le Njanahary masiaky. Mamaly ty haratia ty razambey Zaho amy ty fanasaziako aja maliniky rey, zisiky amy ty tariha faha telo noho faha efatsy an'i ze malay Ahy, ¹⁰sady hanoro tsy fivaliham-panenkea koa amy ty olo an'arivony rey, amy ze tea Ahy noho miemby liliko rey. ¹¹Tsy hampiasanao amy ty tsy antony ty anara Yaveh Njanahariko, fa Yaveh ro handramby azy ho meloky amy ty fampiasa fahantany ty anarany. ¹²Embeno ty andro sabata mba hanamasina azy, manahaky ze nibeko Yaveh Njanaharinao anao. fa ¹³enin'andro ro hiasanao noho hananovanao ty raharahanao iaby; ¹⁴fa ty andro faha fito koa ro Sabata ho ahy Yaveh Njanaharinao. Amy zay le tsy hiasa iha—ndra iha, ndra ty anakilahinao, ndra ty anak'ampelanao, ndra ty mpiasa lahinao, ndra ty mpiasa ampelanao, ndra ty aombinao, ndra ty borikinao, ndra ty biby fiharenao, ndra ty vahiny ze anay ty vavahadinao. Nanovy zay mba hijanona ty mpiasanao lahy noho ty mpiasanao ampela manahaky anao. ¹⁵Le ho tiaronao fa mpiasa tamy ty tany Egipta any iha, sady Yaveh Njanaharinao ro nampiboaky anao tamy ty alala ty tana mahery any noho fanampara ty sandry. Laha zay ro nibeko Yaveh Njanaharinao anao mba hiemby ty andro Sabata. ¹⁶Manajà ty babanao noho reninao, manahaky ze nibeko Yaveh Njanaharinao hanovinao, le ho ela velo amy ty tany ze namea Yaveh Njanaharinao ho ahy nao any iha, ka le hahasambatsy anao lahy zay. ¹⁷Ka mamono olo. ¹⁸Ka maheriloha. ¹⁹Ka mangalatsy. ²⁰Ka manao vavolombelo diso amy ty mpiara-belo aminao. ²¹Ka maniry ty valy ty mpiara-belo aminareo, ka maniry ty raho ty mpiara-belo aminareo, ty baibony, ndra ty mpiasa lahiny, ndra piasany ampela, ty aombiny, ndra ty borikiny, ndra ze iaby ahy ty mpiara-belo aminareo. ²²Safa rey ro nambara Yaveh tamy ty feo abo tamy ty egilizinareo iaby tamy ty vohitsy eny baka anivo ty afo ao, ty raho, sady ty haikim-pito; le tsy nanisy safa fampiany sasy ie. Nisoratiny tamy ty vato pisaky roe zay ka le nameany ahy. ²³Le nitsanga zao, lafa naharé ty feo baka anivo ty haiky nareo, laha mbo nirehitsy ty vohitsy, le nanariny ahy nareo—olo benareo rey iaby noho mpitariky ty fokonareo rey. ²⁴Hoy nareo hozao: 'Ingo, Yaveh Njanaharintsika fa nanoro tamintsika ty voninahitsiny noho ty habeny, sady fa rentsika ty feony baka anivo ty afo eo; hitantsika androany fa lafa mivola amy ty olo Yaveh, le afaky ty hovelolo ndrozy. ²⁵Fa nanoino tsika ro tokony ho maty? Safe handrava antsika afo bevata zay; fa laha tsy mijanjy ty feo Yaveh Njanaharintsika sasy tsika, le ho maty. ²⁶Fa ia mandilatsy antsika ro amy ty nofotsy iaby ze fa naharé ty feo Njanahary velo iny eo nivola baka anivo ty afo eo ka le velo, manahaky ze fa nanovintsika? ²⁷Laha ty aminareo, le tokony handeha noho hijanjy ze iaby ambara Yaveh Njanaharintsika Nareo, hampimpoly aminay ze iaby volany Yaveh Njanaharintsika aminareo; hijanjy noho hanenky zay zahay. ²⁸Ré Yaveh ty safanareo laha niresaky tamiko nareo. Hoy Ie tamiko hozao: 'Fa reko ty safa ty olo lako rey, le ze nivolaniny taminao. Soa ze nambaran-drozy. ²⁹Hentao, laha mba misy fo vatany ndrozy, le hanaja Ahy noho hiemby zisiky farany ty liliko iaby, le hahasoa androzy noho tarihany rey zisiky farany zay! ³⁰Andany volano amin-drozy hozao: "Mimpolia an-dainareo any." ³¹Fa laha ty aminao, mitsangàna anilako eto, le hambarako aminao tyvlily iaby, ty lalà, noho fitsipiky ze hampianarinao androzy rey, mba hiembenan-drozy say amy ty tany ze hameako androzy any ho hanana. ³²Hembenanareo, laha zay, ze nibeko Yaveh Njanaharinao anao; mba tsy hivio ho amy ty ankavana ndra ho amy ty ankavia iha. ³³Handeha amy ty lala iaby ze nibekoa Yaveh Njanaharinao anao iha, mba hovelolo iha, ka le hahasoa anao zay, sady mba hahalava ty andro iainanao amy ty tany ze ho fanananao any.

Chapter 6

¹Amy zao le ndreto iaby ty beko rey, lily rey, sady lalà ze nibeko Yaveh Njanaharinao ahy rey mba hampianary anao, ka le mba hafahanao miemby amy ty tany ze handehananao rey any; ²mba hafahanao manome voninahitsy an'Yaveh Njanaharinao, amy ty fiembena lalà noho lily iaby ze hibekoako anao rey---iha, anako rey, sady anaky ty anako rey, amy ty andro iaby hiainanao, mba hitombo ty andro hiainanao.³Laha zay janjino rey, Israely, sady embeno rey, mba hahasoa anao zay, mba hitomboanareo maré, amy ty tany tondra-dronono noho tantely any, manahaky ze fa nampanantena Yaveh, Njanahary ty razambenao taminao iny hanovy.⁴Janjino, Israely: Yaveh Njanaharintsika ro raika. ⁵Hotea an'Yaveh Njanaharinao amy ty fonao iaby iha, amy ty fanahinao iaby, sady amy ty herinao iaby.⁶Safa ze hibekoako anao henanikio rey ro ho amy ty fonao ao; ⁷sady hampianatsy soa amy ty anakinao rey iha; hiresaky mikasiky rey iha lafa mipetsaky an-tsanonao ao, lafa mandeha an-dala eny, lafa miroro, sady lafa mifofoha.⁸Hamehy rey iha mba ho fahaiza amy ty tananao eo, sady anovy manahaky ty bando anivo ty masonao eo rey. ⁹Hanoratsy zay amy ty tolàm-baravara ty tsanonao noho ty vavahadinao eo iha. ¹⁰Lafa manday anao amy ty tany ze nampanantena Yaveh Njanaharinao any tany ty razambenao rey, Abrahama, Isaka, noho Jakoba, fa hameany anao iha, miaraky amy ty tanà bey noho tena soa ze tsy namboarinao, ¹¹noho tsano lako atsiky karaza raha soa ze tsy nanovinao, famorian-drano ze tsy nihalinanao, sady tanim-boloboky noho hazon'oliva ze tsy nambolenao, hihina iha ka le ho asa-po--- ¹²sady miembena iha mba tsy hanalino an'Yaveh, ze nanday anao hiala tany ty tany Egypta ao, Hiboaky ty tsano fanandevoza.¹³Hanome voninahitsy an'Yaveh Njanaharinao iha; ia ro ho tompònao, sady hifanta amy ty anarany iha. ¹⁴Tsy hanompo njanahary hafa iha, njanahary ty olo ze miodidy anao iaby rey --- ¹⁵safe Yaveh Njanaharinao ze anivonao eo ro Njanahary masiaky---fa laha manao zay iha, le hasiaky aminao ty heloky Yaveh Njanaharinao, sady handrava anao amy ty tany iaby Ie.¹⁶Tsy hitsapa an'Yaveh Njanaharinao manahaky ty nitsapanao azy ta Masaha any iha. ¹⁷Iha ro hiemby soa ty beko i Yaveh Njanaharinao rey, liliny rey, noho lalàny rey, ze nibekoany anao.¹⁸Hanao ze marina noho soa amaso i Yaveh eo iha, mba hahasoa anao zay, sady mba hafahanao militsy noho mana ty tany soa ze fa nifanta Yaveh tany razanao rey, ¹⁹mba hangala ty fahavalonao iaby rey tsy ho alohanao eo, manahaky ty fa nivolany Yaveh.²⁰Lafa manontany anao ty anakilahiko amy ty fotoa ho avy, manao hozao: 'Ino iaby lalà ty fanenkea rey, fitsipiky rey, sady lalà hafa ze nibekoa Yaveh Njanaharintsika rey anao?' ²¹Ie hivola ty anakilahinao iha hozao: 'Andevo i Farao ta Egypta any tsika; nanday antsika niala ty tany Egypta tany ty tana mahery Ie, ²²sady nampitoro fahaiza noho fahatsereha, bevata mahery maré, tany i Egypta, tany i Farao, sady tany ty tsanony iaby, tamasonitsika eo Ie; ²³sady nanday antsika niala tany, mba handaisany antsika hilitry ao, mba hanomezana antsika ty tany ze fa nampanantenany ty razantsika rey.²⁴Yaveh ro nibekoa antsika zisiky farany mba hiemby ty lalà iaby rey, mba hatahotsy an'Yaveh Njanaharintsika hahasoa antsika, mba hahavelo antsika zisiky farany, manahaky antsika amy zao. ²⁵Laha miemby lily iaby rey anivo Yaveh Njanaharintsika eo tsika, manahaky ze nibekoany antsika, le ho famarinantsika zay.'

Chapter 7

¹Lafa nandesy Yaveh Njanaharinao tamy ty tany ze ho fanananao any iha, le handroaky firenea lako hiala alohanao eo---Hetita rey, Girgasita rey, Amorita rey, Kananita rey, Perizita rey, Hivita rey, sady Jebosita rey---firebea bevata fito noho mahery vatany noho iha.²Zay ro Yaveh Njanaharinao ze manome androzy ho ahy nao lafa mandresy androzy iha, sady tsy maintsy mampitolo tanteraky androzy iha. Tsy hanao fifanenkea amin-drozy iha, sady tsy hanoro famalozam-po amin-drozy, ³Ndra koa hikarakara fitahia amin-drozy iha. Tsy hanome ty anak'ampelako ho ahy ty anakilahin-drozy, sady tsy hangalaky anak'ampelan-drozy ho ahy ty anakilahiko iha. ⁴Safe ndrozy ro hampivio lala ty anako amy ty fanoriha Ahy, mba hafahan-drozy manompo njanahary hafa. Laha zay le hasiaky aminareo ty helo Yaveh, sady handrava nareo malaky Ie. ⁵Zao ro tokony hifanarahanao amin-drozy: hampitolo ty alitaran-drozy nareo, hampitolo ty tsangam-baton-drozy nareo, hanapaky ty baon'Aserahan-drozy, sady handoro sampy voasokitsin-drozy rey.⁶Safe iha ro firenea ze voatoka ho an'Yaveh Njanaharinao. Le nitingy anao mba ho olo lakony, mandilatsy noho olo lako hafa iaby amy ty tany iaby toy rey Ie.⁷Tsy nampipetsaky ty fiteany taminareo eo ndra nitinginy nareo noho ty halakoa hisanareo noho ty olo lako hafa Yaveh---safe nareo ro tsy ampy bibike tamy olo lako iaby rey --- ⁸fa safe teany nareo, sady naniry ty hitandraky ty fifanta ze nampanantenany tamy razanareo rey Ie. Zay ro nahavy an'Yaveh nanday nareo niboaky tamy ty tana mahery sady nanafaky anareo tamy ty tsano fanandevoza ao, tan-tana i Farao eo, mpanjaka Egipta.⁹Laha zay le haiko fa Yaveh Njanaharinao---Ie ro Njanahary, azy Njanahary mahatoky, ze mitandraky fanenkea rey noho fatokisa ho ahy ty tariha an'arivony miaraky amy ze te azy rey noho miemby ty liliny rey, ¹⁰fa sazio amy ty tarehiny eny ze malay Azy rey, mba handrobaky androzy; tsy handefitsy amy ze malay Azy rey Ie; hamaly azy anilany eo ie. ¹¹Laha zay iha le hiemby beko rey, lalà rey, sady lily ze nibekoko ho anovinao henanikio rey, ka le hampihatsy rey iha.¹²Laha mijanjy lalà rey iha, sady miembena noho manao zay, le hiemby ty fanenkea noho ty fatokisa ze nampanantenany tamy ty razanao Yaveh Njanaharinao. ¹³Hotea nareo Ie, hitahy anareo, sady hampitombo hisa nareo; hitahy ty vokatsy ty vatanareo noho ty vokatsy ty taninanareo, ty varinao, ty divay vaovaoreo, noho ty menakinareo, ty fitombo ty biby fiharinareo rey noho anak'aondry noho aosy rey, amy ty tany ze nampanantenany tamy razanareo ao fa hameany anareo.¹⁴Ho voatahy vatany noho olo hafa iaby rey iha; tsy hisy lahilahy mikasiky ndra ampela mikasiky aminareo eo ndra amy ty biby fiharinareo eo. ¹⁵Hangalaky ty arety iaby aminao Yaveh; tsy hanoviny mahazo anao arety-raty i Egipta hainao rey, fa ho anoviny amy iaby ze malay anao rey zay.¹⁶Handrava ty goropy olo iaby ze hanomeza Yaveh Njanaharinao fandreseha anao iha, sady tsy haferinay androzy ty masonao. Tsy hanompo ty njanaharin-drozy iha, safe ho fandriky ho anao zay.¹⁷Laha mivola am-ponao ao iha hozao: "Lako hisaky noho zaho firenea rey; manao akory ro handreseko rey?" --- ¹⁸ka matahotsy androzy; hahatiaro ze nanovy Yaveh Njanaharinao tamy i Farao noho Egipta iaby iha; ¹⁹fijalea bey ze hita ty masonao, fahaiza rey, fahatsereha rey, ty tana mahery, noho sandry mitsotsy ze nanday Yaveh anao niboaky. Yaveh Njanaharinao ro hanao manahaky zay koa amy ty olo lako iaby ze hanovinareo rey.²⁰Fanampy zay, Yaveh Njanaharinao ro handefa ty kitoky amin-drozy eo, zisiky-paharava ty sisa tavela noho ze mamony ty vatany aminao rey amy ty famonjeanao. ²¹Tsy hatahotsy androzy iha, safe Yaveh Njanaharinao ro aminao eo, Njanahary bevata noho hatahoranao. ²²Yaveh Njanaharinao ro handroaky tsikelikely firenea alohanao eo rey. Tsy haharesy azy iaby ndraiky miaraky iha, fa hondy hihalako bibi-ly hiodidy anao rey.²³Fa Yaveh Njanaharinao ro hanome fandreseha ho anao amin-drozy lafa hialy amin-drozy iha; hampivarahontsa androzy Ie zisiky-handrava ndrozy. ²⁴Hanoviny ambany fahefanao eo mpanjakan-drozy rey amy ty ambany lanitsy iha. Tsy hisy afaky hitsanga aloha nao, zisiky-handravanao androzy.²⁵Handoro sary sokitsy rey njanaharin-drozy nareo---ka maniry ty volafoty ndra ty volamena ze mandrakotsy androzy ka le mangalaky zay ho ahy ty vatanareo, safe laha manao zay nareo, le ho voafandriky zay---safe fitivativa an'Yaveh Njanaharinareo zay.²⁶Tsy handay fitivativa an-tsanonao ao iha ka le hanomboky hanompo zay. Halay zay vatany iha, safe fa voatoka ho ahy ty fandravà zay.

Chapter 8

¹Engao ho tananareo lily iaby ze ameako anareo androany rey, mba ho velo noho hihalako nareo, sady handeha ka and hahazo ty tany ze nifanta Yaveh tany razambenareo rey. ²Engao ho tiaronao ty lala iaby ze nitariha Yaveh Njanaharinao anao tany ty efapolo tao tambaliky any mba hampihena anao, mba hitsapany anao hahaiza ze amponao ao, laha hitandraky liliny rey iha ndra aha. ³Nampihena anao Ie, noho nampamosary anao, sady nampivintsy mana anao, ze tsy hainao sady tsy hay ty razanao. Nanoviny zay mba hahaizanao fa tsy ty mofo avao ro hiveloma ty olo; fa koa, ty raha iaby ze aloa ty vava i Yaveh le iveloma ty olo. ⁴Tsy tataky sady tsy niala taminao ty sikinao, sady tsy nibongo ty tombonao tanay ty efapolo ao reny. ⁵Engao iha hidiniky am-ponao ao, ty fomba hifeheza ty olo ty anany, le manahaky zay ro hifeheza Yaveh Njanaharinao anao. ⁶Hotandrahanao ty lily Yaveh Njanaharinao rey, mba handehananao amy ty lalany noho hajanonao noho hanajanao Azy. ⁷Fa Yaveh Njanaharinao le manday anao amy ty tany soa, tanim-baibon-driaky, loharano, mirotsaky baka amy ty baibo sady anivo ty vohitsy eny; ⁸tanim-barim-bazaha noho vary hordea, voloboky, hazon'aviavy, sady ampongaben-danitsy; tanin'oliva noho tantely. ⁹Tany ze hihinanao hany tsy lany laný, sady ze handehananao tsy hisy raha-mampijaly; tany ze misy vy ty vatony, sady baka amy ty vohitsy ao ro hiviliananao saba. ¹⁰Hihina iha sady ho vintsy, sady hisaotsy an'Yaveh Njanaharinao iha noho ty tany ze fa nameany anao. ¹¹beno mba tsy hanalino an'Yaveh Njanaharinao iha, sady tsy hanao tsy misy dikany liliny rey, fitsipiky rey, sady lalany ze hibekoako anao androany rey, ¹²laha tsy zay, lafa mihina iha sady vintsy, sady lafa mamboatsy tsano soa tarehy sady mipetsaky amy zay ao, le hirengirengy ty fonao. ¹³Embeno lafa mihalako ty aombinao noho ty aondry noho aosinao sady mitombo ty volafoty noho ty sabanao, sady mitombo ze iaby ananao, ¹⁴le hirengirengy ty fonao sady halinao Yaveh Njanaharinao, ze nanday anao niboaky baka amy ty tany Egypta ao, baka amy ty tsano fanandevoza ao. ¹⁵Ka manalino Azy ze nitariky anao tany ty tany efitsy bevata any noho mampatahotsy, miaraky amy ty menara misy poizy noho firango sady ta ngazana any ze tsy nisy rano, ze nampiboaky rano ho ahy nao baka amy ty lafiam-bato afovato ao. ¹⁶Nampiviintsy mana anao tan'efitsy any Ie ze tsy mba hay razambenao, mba hafahany mampijotso anao noho mitsapa anao, mba hanasoa anao amy ty farany, ¹⁷fa iha mety hivola am-ponao hozao: "Ty heriko noho ty hery ty tanako ro nahazoako hanana iaby reto." ¹⁸Fa engao hahatiaro an'Yaveh Njanaharinao iha, safe Ie ro manome anao ty hery hahazoa hanana; mba hamboarany ty fanenkea ze nifantany tany ty razanao, manahaky zao androany. ¹⁹Sady laha hanalino an'Yaveh Njanaharinao iha sady hanoriky njanaharin-kafa hanompo androzy, sady handohaliky amin-drozy, le mitsanga vavolombelo aminareo zaho androany fa ho maty vatany nareo. ²⁰Manahaky firenea ze nanovy i Yaveh rey rava tanilanareo eo, le hanahaky zay ro haharava anareo, safe tsy mijanjy ty feo i Yaveh Njanaharinareo nareo.

Chapter 9

¹Mijanina, Israely; fa hanapaky an'i Jordana iha henanikio, mba handeha hangalaky firenea bevata rey noho mahery noho ty vatanao, noho ho amy tanà ze bevata misy vala manakatsy ty lanitsy rey, ²le olo lako bevata, sady lava, anakilahy ty Enakita rey, ze hainao, sady ze fa naharezanao ty olo nivola hozao: 'Ia ro afaky hitsanga aloha anakilahy i Anàka rey?'³Haiko sady amy zao fa Yaveh Njanaharinao ro mitariky lala anao manahaky ty afo mafana; handrava androzy Ie, sady handresy androzy alohanao eo; ka le handrakotsy azy iha sady ho vononao ndrozy, manahaky ze fa nivolany Yaveh taminao.⁴Ka mivola ty am-ponao ao, lafa voaroaky Yaveh Njanaharinao tsy ho alohanao eo ndrozy hozao: 'Noho ty fahamarinako ro nandaisa Yaveh ahy ho Tompo tany toy,' safe noho ty harati-say ty firenea rey ro nahavy an'Yaveh handroaky azy tsy ho alohanao eo.⁵Tsy noho ty famarinanao ndra ty fahitim-ponao ro hahavy anao ho Tompo ty tanin-drozy, fa noho ty harati-say ty firenea rey ro mahavy ty Njanaharinao handroaky androzy tsy ho alohanao eo, sady mba hafahany manantanteraky ty famarina ty safa ze nifantany tamy razambenao rey, le tamy i Abrahama, Isaka sady Jakoba.⁶Ka le engao ho hainao, fa tsy noho ty famarinanao ro hanomeza Yaveh Njanaharinao tany soa io ho lasanao, fa olo mahery loha iha.⁷Tiarovo sady ka halino ty nivolananao ty heloky Yaveh Njanaharinarinao tambaliky any; zisiky amy ty andro nialanao ty tany Egipta ka le zisiky amy ty nahavianareo tany toera toy eto, le niharo nanohitsy an'Yaveh zisiky any nareo.⁸Ta Horeba any avao koa le nivola ty heloky Yaveh nareo, sady tena neloky taminareo Yaveh ka le ho nandrava nareo.⁹Lafa niakatsy am-bohitsy any zaho mba handramby vato pisaky rey, le vato pisaky ty fanenkea ze nanovy i Yaveh niaraky taminao rey, nipetsaky tam-bohitsy any tanay ty efapolo andro noho efapolo haly zaho; tsy nihina mofo ndra nino rano zaho.¹⁰Namea Yaveh ahy vato pisaky roe nisoraty ty tanany rey; voasoratsy tany ty raha iaby manahaky ty safa iaby ze nambara i Yaveh anareo rey eo tam-bohitsy any tanivo ty afo tany ty andro ty fivoria.¹¹Sady lafa tampitsy ty efapolo andro noho efapolo haly le namea Yaveh ahy vato pisaky roe rey, le vato pisaky ty fanenkea rey.¹²Hoy Yaveh tamiko hozao: 'Mitsangana, mijotsoa malaky baka eto, fa olo lakonao rey, ze nandesinao baka Egipta any, ro fa nanimba ty safan-drozy. Nalaky nivio tany ty lala nibekoako androzy rey. Ie ro namboatsy sarin-draha mitily ho ahy ndrozy rey.'¹³Ankoatsy zay, niresaky tamiko Yaveh sady nivola hozao: 'Fa hitako olo lako reto; olo lako mahery loha ndrozy.¹⁴Engao raiky zaho, mba hafahako mandrava androzy noho mamafa ty anarany tsy ho anabo ty lanitsy eo, sady hanoviko ho firenea mahery noho bevata noho ndrozy iha.'¹⁵Laha zay le niodiky zaho sady nijotso baka am-bohitsy eny, sady le nirehitsy ty vohitsy. Tan-tanako tetoy vato pisaky roe ty fanenkea rey.¹⁶Nanenty zaho, sady ingo, nanota tany Yaveh Njanaharinareo nareo. Naminavina anak'aomby ho ahy nareo nareo. Nalaky nivio tany ty lala ze nibeko Yaveh anareo nareo.¹⁷Nalako vato pisaky roe rey sady nariako tsy ho an-tanako eo rey. Nivakiko tamasonareo eo zay.¹⁸Nandohaliky efapolo andro noho efapolo haly tanila Yaveh eo ndraiky zaho; tsy nihina mofo zaho ndra nino rano, noho ty andro amy ty fahotanareo iaby ze nanovinareo, tany ty nananovanareo ze raty tamaso Yaveh eo, mba hampihetseha ty helokiny.¹⁹Fa natahotsy ty heloky noho ty siaky ty tsy fankasitraha ze tena nampeloky an'Yaveh taminareo ka le ho nandrava anareo zaho. Fa nijanjy ahy avao koa Yaveh tany fotoa zay.²⁰Meloky maré tany i Arona Yaveh ka le ho nandrava azy; tamin'io le nivavaky ho an'i Arona avao koa zaho.²¹Nalako ty fahotanareo, ty anak'aomby ze namboarinareo, ka le nioroako zay, nivangoako, sady nitorotoroko ho tena toro, zisiky-iavia azy ho maliniky manahaky ty lemboky. Nariako tany ty renirano ze mirotsaky baka am-bohitsy ty lembokiny any.²²Ta Tabera any, ta Masa any, sady ta Kibrota-hatava any ro nivolaninareo ty haliginy Yaveh.²³Lafa nandefa anareo hiala ta Kadesi-Barnea Yaveh ao sady nivola hozao: 'Mandehana miakatsy sady alao ho fanana azy tany ze nameako anareo iny,' le niharo nanohitsy ty lily Yaveh Njanaharinareo nareo, sady tsy nino ndra nijanjy ty feony.²⁴Niharo nanohitsy an'Yaveh nareo zisiky amy ty andro nahaizako anareo.²⁵Sady nandohaliky efapolo andro noho efapolo haly tanila Yaveh eo zaho, safe le nivola fa handrava anreo.²⁶Nivavaky tany Yaveh zaho sady nivola hozao: Yaveh Tompo, ka harava olo lakonao rey ndra mpandovanao ze navotanao tany ty habeinao rey, ze nandesinao niboaky baka Egipta any tany ty tana mahery.²⁷Tiarovo Abrahama, Isaka, sady Jakoba mpiasanao; ka manenty ty heriloha ty olo lako toy, ndra ty haratian-tsainy, ndra fahotany rey, ²⁸tsy noho ty tany ze nandaisanao ahy rey hivola hozao: "Safe Yaveh tsy afaky nanday androzy tany azy tany ze nampanantenany androzy iny, sady safe nalay androzy Ie, ro nanday androzy niboaky mba hamonoa androzy ambaliky any."²⁹Nefa olo lakonao noho lovanao rey, ze nandesinao niboaky tany ty herinao bevata noho tany ty fiasa ty herinao. '

Chapter 10

¹Hoy Yaveh tamiko tamy fotoa zay hozao: 'Manamboara vato pisaky roe manahaky velohany iny, le miakara amiko ambohetsy atoy, sady mananova fiondrana vita amy ty hazo. ²Hosoratiko anay vato pisaky rey ao ty safa ze tanay ty vato pisaky velohany ze nitoronao rey, ka le hapetsakinao anay fiondrana ao rey.' ³Ka le namboatsy fiondrana tamy ty hazo akasia zaho, sady namboatsy vato pisaky roe manahaky velohany iny zaho, le niakatsy tam-bohitsy eny zaho, niaraky tamy vato pisaky roe tan-tanako eny rey. ⁴Nisoratiny tamy vato pisaky rey, manahaky asa soratsy velohany iny, ty lily folo ze nivolany Yaveh taminareo tam-bohitsy any tanivo ty afo tamy ty andro ty fivoria eo; le namea Yaveh ahy rey. ⁵Le niodiky zaho sady nijotso ty vohitsy, ka le nampipetsaky vato pisaky rey tanay fiondrana ze namboariko iny ao; le tao ndrozy, manahaky ty nibekoa Yaveh ahy.' ⁶(Nandeha niala ta Berota Bene-Jakana ao ho a-Mosera any ty olo lakon'Israely. Tao ro maty i Arona, sady tao ie ro nalevy; Eleazara, anakilahiny, ro nanjary mpisoro nanolo ty pilasiny. ⁷Nandeha nana Godgoda any ndrozy lafa niala tao, sady baka Godgoda ao nana Jotbata any, tany raiky bey renirano. ⁸Tamy fotoa zay Yaveh nitingy ty foko i Levy mba handay ty fiondrana ty fanenkea Yaveh, hitsanga aloha Yaveh eo mba hanompo Azy, noho hino-rano ty olo amy ty anarany, manahaky amy zao. ⁹Laha zay ro tsy hanana i Levy anjara ndra lava amy ty tany miaraky amy ty rahalahiny; fa Yaveh ro lovany, manahaky ze nivolany Yaveh Njanaharinao taminy.) ¹⁰Nipetsaky tam-bohitsy ao manahaky ty tamy ty velohany zaho, efapolo andro noho efapolo haly. Nijaniry ahy avao koa Yaveh tamy fotoa zay; tsy naniry ty handrava anao Yaveh. ¹¹Hoy Yaveh tamiko hozao: 'Miarèna, mandehana aloha ty olo lako eo hitariky androzy amy ty liany. Le hilitry ndrozy sady hangalaky ty tany ze fa nifantako tamy ty razambeny fa hamea androzy.' ¹²Ka le amy zao, Israely, ino moa ro angatahy Yaveh Nianaharinao aminao, hafa-tsy ty fatahora an'Yaveh Njanaharinao, ty handehana amy ty lalany iaby, ty hitiava azy, sady ty hanompoa an'Yaveh Njanaharinao amy ty fonao iaby noho amy ty sainao iaby, ¹³ty fiembena lily Yaveh rey, noho lalàny rey, ze hibekoako anao henanikio mba ho soa ho ahy nao manoka? ¹⁴Ingo, Yaveh Njanaharinao ro tompo ty lanitsy noho ty lanitsy ty lanitsy, ty tany, noho ze iaby amy rey ao. ¹⁵Yaveh Yaveh raiky avao ro nankasitsaky razanao rey noho ty fitiavany androzy, sady nitingy anareo Ie, iha tarihany, tafaran-drozy, mandilatsy noho olo hafa rey, manahaky ty anovy zisiky androny. ¹⁶Ka le tapaho ty fonareo, sady meteza tsy hailo sasy, ¹⁷Fa Yaveh Njanaharinao, ro Njanahary ty njanahary rey Tompo ty tompo rey, azy Njanahary bevata iny, mahery noho mampatahotsy iny, ze tsy manenty tarehin'olo sady tsy mandramby kolikoly. ¹⁸Manome rariny ty kamboty noho ty mananombata Ie, sady manoro fitea ty vahiny amy ty alala ty fanomeza hany noho salotsy ho azy Ie. ¹⁹Tiavo ty vahiny noho zay; safe nareo ro fa vahiny tamy ty tany Egipta any. ²⁰Yaveh Njanaharinao ro hatahoranao; Ie ro ho tompoenao. Tsy maitsy hipitiky aminy iha; sady amy ty anarany ro hifantanao. ²¹Ie ro fanompoanao, sady Ia ro Njanaharinao, ze fa nanao raha-bevata noho raha mampatahotsy ho anao rey, ze fa hita ty masonao. ²²Fitopolo olo razanao rey ro nijotso ta Egipta any; fa amy zao fa nanovy Yaveh Njanaharinao ho lako hisaky manahaky ty basia amy ty lanitsy eny iha.

Chapter 11

¹Laha zay le engao hotea an'Yaveh Njanaharinareo nareo sady hiemby zisiky hariva fampianarany, ty lalàny, ty fitsipikiny, sady liliny rey.²Mariho fa tsy mivola amy ananareo rey Zaho, ze tsy nahay vatany ndra nahita ty fanasazia Yaveh Njanaharinareo, ty habeiny, ty tanany mahery, ndra ty tanany miampatsy,³fahaiza noho asa ze nanoviny tanivo i Egipta any rey tamy i Farao, mpanjaka i Egipta, sady tamy ty taniny iaby rey.⁴Ndra nahita ty nanoviny tamy ty tafiky i Egipta, tamy sovaliny rey, ndra tamy ty kalesan-drozy, ty fomba nananovany ty Riaky Mena handofotsy androzy laha nania nareo ndrozy, sady ty fomba nandrava i Yaveh androzy zisiky androany,⁵ndra ze nanoviny ho anareo tambaliky any zisiky-hiavianareo tamy toera toy.⁶Tsy hitan-drozy ze nanovy Yaveh tamy i Datana noho Abirama, ana i Eliaba anakilahy i Robena rey, ze fomba namoha ty tany ty vavany sady nitely androzy, ty longon-drozy, ty lain-drozy, sady ze raha-manan'ay iaby nanoriky androzy, tanivo Israely iaby eo.⁷Fa ty masonareo ro fa nahita asa bevata Yaveh iaby ze nanoviny rey.⁸Laha zay embeno lily iaby ze hibekoako anareo henanio rey, mba hahavy anareo hatanjaky, ka le hilitry noho hangalakany ty tany ze hitanareo mba ho fanana,⁹sady mba ho lava andro nareo amy ty tany ze nifanta Yaveh tamy razanareo rey any fa hamea androzy noho ty tarihan-drozy, ze ta tondra-dronono noho tantely any.¹⁰Fa ty tany, ze hiliaranareo mba hazoa zay, ke tsy manahaky ty tany i Egipta, ze niavianareo, ze nandrarahanareo ty voanareo noho nanondrahanareo rano zay tamy ty tombonareo, manahaky ty baibo hanitsy maintso;¹¹fa ty tany, ze handehananao mba ho fanana, le tanin-kavoa noho baibo, sady mino rano baka amy ty ranon'oran-danitsy,¹²ty tany ze karakara Yaveh Njanaharinareo; ty maso Yaveh Njanaharinareo ro mitsinjo zay zisiky farany, zisiky amy ty fanomboha ty tao ka le zisiky amy ty fiara ty tao.¹³Zay ro hitsanga, laha hijanjy soa liliko ze hibekoako anareo henanio nareo, le ty hitea an'Yaveh Njanaharinareo noho hanompo Azy amy ty fonareo noho ty fanahinareo iaby,¹⁴mba hanomezako ranon'ora amy ty taninareo amy ty fotoany, le ty veloha-ora noho ty fara-ora, mba hafahanareo mamory ty varinareo, ty divainareo vaovao, sady ty solo-bonionareo.¹⁵Hanisy akata amy ty taninareo Zaho ho ahy biby fiharinareo rey, sady hihina nareo ka le ho vintsy.¹⁶Embeno ty vatanareo mba tsy ho voafitaky ty fonareo, ka le hivio noho hanompo njanahary hafa noho handohaliky amin-drozy nareo;¹⁷mba tsy hirehitsy aminareo ty heloky Yaveh; sady mba tsy hampihily ty lanitsy le mba tsy hisia ty ranon'ora, sady ty tany tsy hamao ty voany, sady mba tsy haharava nareo malaky amy ty tany soa ze amea Yaveh anareo.¹⁸Laha zay apitiho am-po ao noho fanahinareo safako rey, fehezo go fahaiza amy ty tananareo eo zay, sady engao zay ho foloara anivo masonareo rey eo.¹⁹Hampianarinareo anakinareo rey zay sady miresaha mikasiky androzy lafa mipetsaky an-tsano ao nareo, Lara mandeha an-dala eny, lafa miroro, ndra lafa mifoha nareo.²⁰Ho soratinareo amy ty tolam-baravara ty tsanonareo eo noho amy ty vavahady ty tanànanareo eo zay,²¹mba hihalako ty andronareo noho ty andro anakinareo rey amy ty tany ze nifanta Yaveh tamy razambenareo rey any amea androzy laha mbo anabo ty tany koa ty lanitsy.²²Fa laha miemby soa ty lily iaby ze hibekoako anareo nareo, ka le manao zay, hitea an'Yaveh Njanaharinareo, handeha amy ty lalany iaby, sady hipitiky Aminy,²³le handroaky firenea iaby rey hiala anilanareo eo Yaveh, sady nareo ro handroaky firenea bevata noho mahery noho nareo.²⁴Zay toera hitsahy ty lelatombokinareo le ho ahy nareo; zisiky an'efitsy any ka le zisiky Libanona any, zisiky amy ty renirano any, ty renirano Eofrata, ka le zisiky amy ty riaky andrefa any le ho faritaninareo.²⁵Tsy hisy olo hahatsanga alohanareo eo. Yaveh Njanaharinareo ro hampipetsaky ty tahotsy anareo noho ty horohoro anareo amy ty tany iaby ze hitsahinareo, manahaky ze fa nivolaniny taminareo.²⁶Ingo, apetsako alohanareo eo henanikio ty fitahia noho ty ozo:²⁷ty fitahia, laha manenky ty lily Yaveh Njanaharinareo ze hibekoako anareo henanikio nareo,²⁸sady ty ozo, laha soa tsy manenky ty li.y Yaveh Njanaharinareo nareo, fa hivio amy ty lala ze hibekoa anareo henanikio, ka le hanarakany njanahary hafa ze tsy mbo hainareo.²⁹Zay le hitsanga, lafa handay anareo amy ty tany ze handehanareo any mba ho fanana Yaveh Njanaharinareo, le hampipetsaky ty fitahia am-bohitsy Gerizima any nareo, sady ty ozo am-bohitsy Ebala any.³⁰Tsy andafy i Jordana any va rey, andrefa ty lala andrefa, amy ty tany ty Kananita any ze mipetsaky Araba any, tandrify i Gilgala, mariny ty hazo terebinta i More?³¹Safe hanapaky an'i Jordana nareo hilitry hangalakany ty tany ze amea Yaveh Njanaharinareo nareo, sady ho fanananareo zay ka le nipetsaky ao nareo.³²Ho embenanareo ty lily noho ty lalà iaby ze apetsako alohanareo eo henanikio.

Chapter 12

¹Ndreto ro lily noho lalà ze ho embenanao amy ty tany ze namea Yaveh ao, Njanahary ty razanao, ho fanananao, baby ty andro iaby hiainanao an-tany eto. ²Ho ravanao vatany ty toera iaby ze nanompo ty firenea ze ho roahanao rey njanahariny rey, ze amy ty vohitsy abo eny, amy ty vohitsy eny, sady ambany hazo bevata eny, ze halanao. ³Enga anie halavonao ty alitaran-drozy, ho torotoro tsam-batony rey, sady fotoanao baon'Aserahany rey. ⁴Enga anie ho tapahanareo ty sary sokitsy njanahariny sady harazvanao hiala amy toera zay ty anaran-drozy. Engao tsy hanompo an'Yaveh Njanaharinao manahaky zay iha. ⁵Fa amy ty toera ze ho tinginy Yaveh Njanaharinao ao amy fokonareo eo mba hametsaha ty Anarany, le zay ro ho toera hipetsahany, sady any ro handehananao. ⁶Any ro handaisanao ty fanomeza oroa, ty soronao, ty ampahafon-karenanao, sady rakitsy hamea ty tananao, ty rakitsy-voadinao, ty fanomezan-tsitsapo, sady ty velohan-teraky ty aomby noho ty aondry noho aosinao. ⁷Any ro hihinanao anila Yaveh eo Njanaharinao noho hifalefalea amy ty raha-iaby ze nametsahanao ty tananao, le iha noho ty longonao, amy ze nitahia Yaveh Njanaharinao anao any. ⁸Engao tsy hanao raha iaby ze anovinay rey amy zao iha; fa amy zao le manao ze marina iaby amasony eo avao tybolo-iaby; ⁹safe tsy mbo niavy tamy ty fijanona eo, amy ty lova ze amea Yaveh Njanaharinao anao eo iha. ¹⁰Fa lafa mitandraky an'i Jordana iha ka le mipetsaky amy ty tany ze handovà Yaveh anao ao, sady lafa manome anao fijanona amy ty fahavalonao iaby miodidy Ie, mba hiainanao am-pilamina, ¹¹le ho amy ty toera ze ho tinginy Yaveh Njanaharinao mba hahavelo ty Anarany, any iha ro handay ze iaby hibekoako anao: le ty fanomeza oroa, ty soronao, ty ampahafolon-kanananao, sady ty rakitsy amea ty tananao, noho rakitsy-voady iaby ze tingininao hovoalia amy Yaveh rey. ¹²Hifalifaly anika Yaveh Njanaharinao eo iha---iha, ty anakilahinao, ty anak'ampelanao, ty mpiasanao ampela sady Levita ze amy ty vavahadinao ao rey, safe tsy mana anjara ndra lova aminao eo ie. ¹³Embeno soa ty vatanareo mba tsy hanome ty fanomeza oroa amy ty toera iaby ze hitanao eny; ¹⁴fa amy ty toera ze hotinginy Yaveh amy ty raiky amy ty fokona rey eo ty fanomeza oroanao, sady any ro handehananao mba hanao ze iaby hibekoako anao. ¹⁵Nefa, afaky manome ndra mihina biby anay ty vavahadinao ao iaby iha, manahaky ze teanao, amy ty fandraisa ty fitahia Yaveh Njanaharinao noho ze iaby nameany anao; samby afaky mihina amy zay ty olo maloto noho ty olo malio, le ty biby manahaky ty gazela noho ty diera. ¹⁶Fa engao tsy hihina ty liony iha; ho arorakinao amy ty tany manahaky ty rano zay. ¹⁷Tsy mahazo mihina amy ty ampahafolo ty voanao, ty divay vaovao, ty solo-bonionao, ndra ty velohan-teraky ty aomby ndra ty aondry noho aosinao anay ty vavahadinao ao iha; sady tsy mahazo mihina amy ty hena nanovinao soro miaraky amy ze mety ho voady anovinao, ndra fanomezan-tsitsaponao rey, ndra ty fanomeza ze amea ty tananao iha. ¹⁸Fa koa, hohaninao anila Yaveh Njanaharinao eo amy ty toera ze tinginy Yaveh Njanaharinao ao zay---iha, ty anakilahinao, ty anak'ampelanao, ty mpiasanao lahy, ty mpiasanao ampela, sady ty Levita ze amy ty vavahadinao ao; hifalifaly anila Yaveh Njanaharinao eo ty amy ty raga iaby ze nametsahanao ty tananao iha. ¹⁹Embeno soa ty vatanao mba tsy hahafoy ty Levita laha mbo miay amy ty taninao eo koa iha. ²⁰Lafa manitatsy ty sisin-taninao Yaveh Njanaharinao, manahaky zecnampanantenany anao, ka le nivola iha hozao: 'Hihina nofotsy zaho,' noho ty faniriana hihinan-kena, le afaky mihinan-kena iha, manahaky ze irý ty fanahinao. ²¹Laha lavitsy anao maré ty toera ze nitinginy Yaveh Njanaharinao hametsaha ty anarany, le engao iha hamono ty ilany amy ty aomby noho ty aondry noho ty aosinao ze namea Yaveh anao, manahaky ze nibekoako anao; afaky mihina amy ty vavahadinao ao iha, ²²manahaky ty hihina ty gazela noho ty diera, le manahaky zay ro hihinananao amy zay; afaky mihinan-kena amy zay manahaky ty olo maloto noho malio. ²³Embeno avao mba tsy hihina lio iha, fa ay ty lio; sady enga anie tsy hihina ty ay miaraky amy ty hena iha. ²⁴Tsy hihina an'i zay iha; arorakao amy ty tany manahaky ty rano eo zay. ²⁵Tsy hihina zay iha, mba ho mety ty aminao, noho ty tariha manolo anao, lafa manao ze marina amaso Yaveh eo iha. ²⁶Fa raha ze an'Yaveh rey hanananao noho rakitsy-voadinao rey---engao iha hangalaky zay ka le handeha amy ty toera ze nitinginy Yaveh any. ²⁷Any ro hanomezanao ty fanomeza oroa, le ty hena noho ty lio, amy ty alitara Yaveh Njanaharinao eo; haroraky amy ty alitara Yaveh Njanahariko eo ty lio ty soronao, sady hohaninao ty nofotsy zay. ²⁸Embeno sady janjino ty safa iaby ze hibekoako anao, mba ho mety ty aminao noho ty tariha manolo anao zisiky farany, lafa manao ze soa noho marina amaso Yaveh Njanaharinao eo iha. ²⁹Lafa mandrava firenea rey tsy ho alohanao eo Yaveh Njanaharinao, lafa mandeha mba hangalaky zay amin-drozy iha, ka le azonao zay, sady mipetsaky amy ty tanin-drozy ao iha, ³⁰le embeno ty vatanao mba tsy ho voafandriky hanoriky androzy, lafa vita rava hiala anilanao eo ndrozy---ho voafandriky hanenty ty njanaharin-drozy, hanontany hozao: 'Manao akory ro fanompoa ty firenea ty njanahariny rey? Mba hanao manahaky zay koa zaho.' ³¹Ao iha tsy hanompo an'Yaveh Njanaharinao manahaky zay, fa fahativativa amy Yaveh eo zay, le raha halany---nanao zay tamy njanahariny rey ndrozy; sady nandoro ty anakilahin-drozy noho ty anak'ampelan-drozy koa aza. ³²Ndra ino ndra ino hibekoako anao, le embeno zay. Ka manampy ndra mangalaky amy zay.

Chapter 13

¹aha misy olo to-resaky ndra mpanonofy miboaky aminareo eo, ka le manao fahaiza ndra fahatsereha, ²sady laha mitsanga azy fahaiza iny ndra azy fahatesereha iny, ze resahiny aminareo ka le manao hozo: 'Andao tsika hanoriky njanahary hafa, ze tsy mbo hainareo, sady andao tompontsika ndrozy,' ³le ka mijanjy ty safa olo to-resaky zay, ndra mpanonofy zay; safe Yaveh Njanaharinareo ro mitsapa anareo laha tea an'Yaveh Njanaharinareo amy ty fonareo iaby noho amy ty fanahinareo iaby nareo. ⁴Hanoriky-lia an'Yaveh Njanaharinareo nareo, hanome voninahitsy Azy, hiemby liliny rey, noho hankatò ty safany, sady hanompo Azy noho hipitiky aminy. ⁵Ho vonoe olo to-resaky ndra mpanonofy zay, safe ie ro nanohitsy an'Yaveh Njanaharinareo, ze nanday anareo niboaky baka amy ty tany Egypta ao, noho nanafaky anareo tamy ty tany fanandevoza any. Mila hitao anareo ambaliky ty lala ze nibekoa Yaveh Njanaharinareo mba handehananareo olo to-resaky zay. Ka le alao tsy ho aminareo eo ty raty. ⁶Rambeso hoe ty rahalahinareo, ty ana ty reninareo, ndra ty anakilahinareo, ndra ty anak'ampelanareo, ndra ty valy famihinanareo, ndra ty namanareo ze teanareo manahaky ty vatanareo, ro hita amy sisiny anareo sady hivola hozo: ' Ndao tsika handeha sady hanompo njanahary hafa ze tsy mbo hainareo rey, ndra nareo ndra razambenareo rey--- le ⁷njanahary ty olo ze miodidy anareo rey, anilanareo, ndra lavitsy anareo, baka amy ty tany toy iaby zao. ⁸Ka manenky ndra mijanjy azy. Tsy tokony hana famalozam-po aminy avao koa ty masonareo, ndra haferinay azy ndra hamony azy. ⁹Fa koa, tokony ho vononareo vatany ie; ty tananareo ro ho velohany hamono azy, sady bakeo ty tana ty olo lako iaby. ¹⁰Hitoraky-vato hahafaty azy nareo, safe ie niezaky hitao anareo hanalavitsy an'Yaveh Njanaharinareo, ze nanday anareo hiala tamy ty tany Egypta ao, hiala tamy azy tany fanandevoza iny any. ¹¹Haharé noho hatahotsy ty Israely iaby, ka le tsy hanohy hanao karaza fahatiarova zay aminareo eo sasy. ¹²Laha maharé olo mivola mikasiky ty raiky amy tanà nareo rey, ze namea Yaveh Njanaharinareo mba hipetsaha nareo: ¹³fa nisy mpiara-belo raty fanahy ilany niala taminareo eo sady nitariky olo mipetsaky tamy ty tanà drozy rey eo: 'Andao tsika hanompo njanahary hafa ze tsy mbo hainareo.' ¹⁴Le handiniky ty porofo, hanao fikaroha, sady hanontanontany lavitsy zay nareo.' Lafa hitanareo fa marina zay sady azo antoky fa nanovy taminareo eo ty raha fahativativa manahaky zay, le hihetsiky nareo. ¹⁵Azo antoky fa hanafiky olo mipetsaky amy tanà zay rey ao amy ty lela-meso-bey nareo, hanorotoro tanteraky zay noho ty olo iaby aminy ao, miaraky amy biby fihary rey, amy ty lala ty lela-meso-bey. ¹⁶Hamory enta iaby voagadra rey amy zay ho anivo ty lala nareo sady handoro tanà iny, noho enta voagadra iaby rey---ho an'Yaveh Njanaharinareo. Ho tanà ela zisiky farany tanà iny, ka le tsy ho hatsanga sasy zay. ¹⁷Tsy tokony hisy hipitiky ampelatananareo eo raha ze natoka ho ravà rey. Zay ro tsy maintsy anovy, mba hijano amy ty helokiny Yaveh, hampitoto famalozam-po aminareo, noho haferinay anareo, sady hampitombo hisaky anareo, manahaky ty nifantany tamy razambenareo rey. ¹⁸Hanao zay le safe nareo mijanjy ty feo Yaveh Njanaharinareo, mba hiembena liliny iaby ze hibekoako anareo rey henanikio, noho mba hananova ze marina amaso Yaveh Njanaharinareo eo.

Chapter 14

¹Nareo ro olo lako Yaveh Njanaharinareo. Ka mitetiky ty vatanareo, ndra mitaratsy ty faritsy ty tarehinareo ho ahy ty maty. ²Fa nareo ro firenea ze voatoka ho ahy Yaveh Njanaharinareo, sady Yaveh nitingy anareo ho olo lako ho fananany manoka, mandilatsy olo lako iaby ze anabo ty tany rey. ³Ka mihina raha tivativa ndr aino ndra ino. ⁴Ndreto ro biby azonareo hohany: ty aomby, ty aondry, sady ty aosy, ⁵ty serfa, ty gazela, ty kapreola, ty aosy-li, ty pygarga, noho ty antilopa, sady ty ripikapra. ⁶Azonareo hohany ty biby iaby ze mivaky kitso, zay ro, ze mana kitso mizara roe, sady ze maliniky. ⁷Ndra le zay aza, ka mihina biby ilany ze maliniky ndra ze mana kitso mizara roe nareo: ty rameva, ty bitso, sady ty hyraka; safe maliniky fe tsy mivaky kitso rey, maloto aminareo rey. ⁸Ty koso koa ro maloto aminareo safe mivaky kitso ie fe tsy maliniky; maloto aminareo ie. Ka mihina henan-koso, sady ka mikasiky ty fatiny rey. ⁹Amy raha ze anay rano ao rey ro azonareo hany: ze iaby misy vombony noho isany; ¹⁰fe ze iaby tsy misy vombony noho isany ro ka haninareo; maloto aminareo rey. ¹¹Voro malio iaby rey ro azonareo hany. ¹²Fe ndreto ro biby tsy azonareo hany: ty voromahery, ty voltara, ty gypa, ¹³ty papango mena noho papango mainty, ze karaza voro mahery iaby. ¹⁴Ka mihina ty karaza goaky iaby, ¹⁵noho ty ostritsa, noho ty tararaka, ty vorondriaky, ze karaza tararaka iaby, ¹⁶ty voron-dolo kelikely, ty voron-dolo bey, ty voron-dolo foty, ¹⁷ty sama, ty voltara malinike, ty vano. ¹⁸Ka mihina ty vonobe, noho ty karaza vano iaby, ty takidara, sady ty ramanavy. ¹⁹Ty raha manan'elatsy, noho milaly iaby le maloto aminareo; tsy tokony hohany rey. ²⁰Azonareo hany raha malinike malio iaby rey. ²¹Ka mihina raha ze maty boboke; azonareo amea ty vahiny ze amy ty tanànao ao rey; mba hafahany mihina say; ndra azonareo avily amy ty vahiny zay. Fa nareo ro firenea ze voatoka ho an'Yaveh Njanaharinareo. Ka mampandevy anak'aosy amy ty rononon-dreniny. ²²Alao ty ampahafolo ty vokatsy ty voanao iaby, ze miboaky baka amy ty baibo ao isan-tao san-tao. ²³Mihinana aloha Yaveh Njanaharinareo eo, amy ty toera ze hotinginy ho fipetsahany masy ao, ty ampahafolo ty varinao, ty divainao vaovao, noho ty menakinao, sady ty velohan-teraky ty aombinao noho aondry noho aosinao; mba hafahanao mianatsy hanompo zisiky farany an'Yaveh Njanaharinao. ²⁴Laha lava maré aminareo ty lia sady tsy zakanareo zay, safe lavitsy maré anao ty toera ze hotinginy Yaveh Njanaharinao ho fipetsahany masy, le, lafa mitahy anao Yaveh Njanahary, ²⁵hanova ty fanomeza ho jala iha, hamehy ty jala an-tananao eny, sady handeha amy ty toera ze hotinginy Yaveh Njanaharinao any. ²⁶Ao ro handanianao ty jala amy ze iaby irinao: amy ty aomby, ndra amy ty aondry, ndra amy ty divay, ndra amy ty raha-inomy mahery, ndra amy ze iaby irinao; le any iha ro hihina anila Yaveh Njanaharinao eo, sady hifaly iha, iha noho ty longonao. ²⁷Ty Levita ze anay vavahadinao rey ao---ka mahafaoe azy, fa tsy mana anjara ndra lova aminao ie. ²⁸Amy ty fara ty isan-telo tao le hanome ty ampahafolo ty vokatsy iaby amy tao zay iha, sady hanajary zay anay ty vavahadinao ao iha; ²⁹sady ty Levita, safe ie tsy mana anjara ndra lova aminao, noho ty vahiny, noho ty kamboty, sady ty mpandaivata ze anay ty vavahadinao ao, le ho avy noho hihina sady ho afa-po. Anovo zay mba hafaha Yaveh Njanaharinao mitahy anao amy ty asa ty tananao iaby ze anovinao.

Chapter 15

¹Amy ty fara ty isam-pito tao, le mananova fandrava tsosa iha. ²Zay ro fomba ty fanafaha: Ty mampitrosa jala iaby ze mampitrosa ro tokony hamoy ze natsosany amy ty mpiara-belo aminy; tsy hangataky amy mpiara-belo aminy zay ie ndra ty rahalahiny safe ty fandrava Yaveh ty tsosa ro fa voambara. ³Vahiny raiky ro azonao hangatahy zay; fa ndra ino ndra ino anao ampelan-tana ty rahalahinao eo tokony haravanao. ⁴Ka le, tsy tokony hisy olo mijaly aminao eo (fa Yaveh ro hitahy anao amy ty tany ze ameanany anao any manahaky ty lova ho fanana), ⁵laha hohatsy ka mijanjy soa ty feo Yaveh Njanaharinao iha, ka le miemby lily iaby ze hibeako anao rey zao. ⁶Fa Yaveh Njanaharinao hitahy anao, manahaky ze nampanantenany anao; sady hanambotsy amy ty firenea lako iha, fa tsy hindra; hanapaky amy ty firenea lako iha, fa ndrozy koa tsy hanapaky anao. ⁷Laha misy lahilahy mijaly aminao eo, raiky amy rahalahinao rey, ze amy ty vavahadinao iaby ao amy ty tany ze namea Yaveh Njanaharinao anao eo, ka mampahery ty fonao ndra manily ty tananao amy ty rahalahinao mijaly; ⁸fa vohao soa aminy ty tananao sady ampidramo ze ilany ie. ⁹Miembena mba tsy hana sain-raty am-ponao ao, manao hozao: "Ty faha fito tao, azy tao ty fanafaha iny, ro fa mariny, mba tsy hahihitsy amaso rahalahinao rey eo iha sady tsy hanome androzy ndra ino ndra ino; sady hitoreo amy Yaveh mikasiky anao ie, ka le fahota ho anao zay. ¹⁰Tsy maintsy hameanao ie, sady tsy tokony hangemahema ty fonao lafa manome azy iha, safe ty valy zay ro hitahy anao amy ty asanao iaby noho ze iaby anovy ty tananao i Yaveh Njanaharinao. ¹¹Safe ty mijaly ro tsy hijano hisy amy ty tany eto; noho zay ro hibekoako anao noho hivolanako hozao: 'Vohao soa amy ty rahalahinao ty tananao, ho ahy ze mila fanampeanao, sady amy ty mijalinao amy ty taninao rey ao.' ¹²Laha avily aminao noho manompo anao anay ty enin-tao ty rahalahinao, lahilahy Herbreo, ndra ampela Hebreo, le tsy maintsy hanenga azy malalaky iha amy ty faha fito tao. ¹³Lafa enganao handeha malalaky aminao eo ie, le ka enga handeha tanam-polo. ¹⁴Vatsio aondry noho aosinao, ty fanapaha varinao, noho ty famiazam-bolobokinao ampahaiza ie. Manahaky ze fa nitahy Yaveh Njanaharinao anao, tsy maintsy hameanao ie. ¹⁵Tiarovo fa andevo tany ty tany Egypta any nareo, sady Yaveh Njanaharinao io ro nanavotsy anareo; laha zay mibeko anareo zaho zao hanao zay. ¹⁶Hitsanga zay lafa mivola anareo ie hozao: 'Tsy hiala aminareo eo zaho.' safe ie teanareo noho ty tsanonareo, sady safe ie ro soa aminareo, ¹⁷Sady alao ty haolo ka le teveo amy ty sofiny am-baravara eo, le ho mpiasanareo zisiky farany ie. Tsy maintsy anovinareo koa mpiasa-ampelanareo zay. ¹⁸Tsy tokony ho sarotsy aminareo ty handefa azy malalaky aminareo, safe fa nanompo anareo anay ty enin-tao ie sady nanome mandilatsy ty vily ty roe ty olo karama. Yaveh Njanaharinareo ro hitahy anareo amy ze iaby anovinareo. ¹⁹Ty lahilahy iaby amy ty velohan-teraky ty aombinareo noho aondry noho aosinareo iaby le tsy maintsy hatokanareo ho an'Yaveh an'Yaveh Njanaharinareo. Tsy hanao asa miarakany amy ty velohan-teraky ty aondrinareo. ²⁰Hano anila Yaveh Njanaharinareo eo isan-tao san-tao ty velohan-teraky amy ty toera ze hotinginy Yaveh eo, anareo noho ty longonareo. ²¹Laha misy handra zay—ohatsy, laha mandrava ndra jamba, ndra ino ndra ino handra hafa—ka anovy soro ho an'Yaveh Njanaharinareo zay. ²²Hihina zay amy vavahadinareo ao nareo; olo maloto noho ty olo malio rey ro tsy maintsy mihina zay, manahaky ty hihinananareo gazela ndra diara. ²³Fa koa tsy tokony mihina ty lio zay nareo; fa araraho amy ty tany manahaky ty rano eo ty liony.

Chapter 16

¹Tiarovo ty resa i Abiba, sady tandraho ho an'Yaveh Njanaharinareo ty Paska, safe tamy ty resa i Abiba ro nampiboaha Yaveh Njanaharinareo anareo ta Egypta ao tanay ty haly. ²Anay ty Paska le ho anovinareo soro ho an'Yaveh Njanaharinareo ty ilany amy ty aondry noho aosy sady aomby amy ty toera ze ho tinginy Yaveh ho fipetsahany masy ao. ³Haninareo miaraky amy ty mofy tsy masira zay; herin'andro to hihinananareo mofy tsy masira miaraky amy zay, ty mofom-pijalea; safe tampoky ro niboahanareo ta Egypta. Anovo zay anay ty androm-piainareo mba hitiarovanareo andro niboahanareo iny tamy ty tany Egypta ao. ⁴Anay ty fito andro ro tsy tokony hahita lalivay amy ty faritsy iaby misy misy anareo eo; ndra hahita raiky amy hena ze nanovy soro hariva rey ho hajarý zisiky maray. ⁵Anay ty Paska ro tsy hana soro biby anay ty vavahady ty tanànanareo ao ze amea Yaveh Njanaharinareo ho anareo nareo. ⁶Fa koa, mananova soro amy ty toera ze ho tinginy Yaveh Njanaharinareo eny ho fitoera masy. Eo ro hananovanareo soro ho ahy ty Paska hariva milentiky-masoandro, amy azy andro raiky anay ty tao ze niboahanareo ta Egypta ao iny. ⁷Atonò zay sady hano amy ty toera ze ho tinginy Yaveh Njanaharinareo eny; lafa maray nareo le hitoliky sady himpoly amy lainareo rey ao. ⁸Hihina mofy tsy masira nareo anay ty enin'andro; amy ty andro faha fito ro hisy fivoria mihetsiketsiky ho an'Yaveh Njanaharinareo; amy andro io le tsy mahazo miasa nareo. ⁹Le manisaky herin'andro; manomboky amy ty fotoa hanapahanareo velohany ty vary amy ty meso fanapaha ro hanisanareo herin'andro fito rey. ¹⁰Tandraho ho an'Yaveh Njanaharinareo ty Herin'andro Fifalefalea miaraky amy ty fandraisa anjara amy ty fanomezan-tsitsapo baka antananareo eny ze hameanareo, manahaky ty nitahy Yaveh Njanaharinareo nareo. ¹¹Hifaly anila Yaveh Njanaharinareo eo nareo—nareo, ty anakilahinareo, ty anak'ampelanareo, ty mpiasanareo lahilahy, ty mpiasanareo ampela, ty Levita ze amy ty vavahady ty tanànanareo ao, noho mpivahiny rey, kamboty baba rey, sady mpanday-vata aminareo eo, amy ty toera ze ho tinginy Yaveh Njanaharinareo eo ho fitoera masy. ¹²Ho tiaronareo fa andevo ta Egypta any nareo; tandraho sady hampiaro lalà rey. ¹³Tiarovo ty Fety ty Fialofa anay ty fito andro afara ty famorianareo ty olo lako baka amy ty fampirima noho ty famiazanareo. ¹⁴Hifaly nareo anay ty fifalefaleanareo—nareo, ty anakilahinareo, ty anak'ampelanareo, ty mpiasanareo lahilahy, ty mpiasanareo ampela, ty Levita, noho mpivahiny rey, sady kamboty rey, noho ty mpandaitena ze anay ty vavahadinareo ao. ¹⁵Anay ty fito andro nareo le hiemby ty fifalefalea ho an'Yaveh Njanaharinareo amy ty toera ze ho tinginy Yaveh eny, safe Yaveh Njanaharinareo ro hitahy anareo amy ty vokatsy noho ty asa ty tananareo iaby, sady le hifaly vatany nareo. ¹⁶Lahilahinareo rey ro hiboaky in-telo isan-tao anila Yaveh Njanaharinareo eo amy ty toera ze ho tingininy eny; amy ty Fifalefalea ty Mofy tsy masira any, amy ty Herin'andro Fifalefalea any, noho amy ty Fety ty Tabernakely any, sady hiboaky tanam-polo aloha Yaveh eo ndrozy; ¹⁷fa koa, hanome manahaky ze tsatsiny ty lahilahy iaby, mba hahazanareo ty fitahia ze fa namea Yaveh Njanaharinareo anareo. ¹⁸Manondroa mpitsara noho manam-boninahitsy anay ty vavahady ty tanànanareo ao iaby ze amea Yaveh Njanaharinareo anareo; ho alà isam-pokonareo ndrozy, sady hitsara ty olo amy ty fitsarà marina. ¹⁹Tsy tokony hangalaky an-kery ty fitsarà nareo; tsy tokony mampiboaky fiavaha ndra koa mandramby kolikoly, safe ty kolikoly mahajike ty maso ty hendry rey sady mamaliky safa ty fahamarina rey. ²⁰Tokony hanoriky ty fitsarà nareo, ty fitsarà raiky, mba hiainanareo noho handoavanareo ty tany ze hamea Yaveh Njanaharinareo anareo. ²¹Ka mampitsanga Aseraha ho ahy ty vatanareo, ndra karaza bao, anila ty alitara Yaveh Njanaharinareo ze ho anovinareo ho ahy ty vatanareo nareo. ²²Nareo avao koa ro tsy tokony hampitsanga ty vato masy lako ho ahy ty vatanareo, ze halà Yaveh Njanaharinareo.

Chapter 17

¹Ka manao soro aomby ndra aondry ze misy handra ndra raha raty ho an'Yaveh Njanaharinareo, safe zay ro fahativativa amy Yaveh Njanaharinareo.²Sady laha misy aminareo eo, amy vavahady ty tanànaireo rey ao ze namea Njanaharinareo nareo, lahilahy ndra ampela hita manao ze raty amaso Yaveh Njanaharinareo eo sady mivaliky amy ty fanenkeany,³ndra ia ndra ia nandeha noho nanompo Njanahary-hafa sady mandohaliky amin-drozy, ndra masoandro, ndra vola, ndra ze raha iaby amy ty lanitsy eny---ze tsy nibekoako anareo---⁴sady laha volany amy zay nareo , ndra fa renareo zay, le engao nareo hanao fanontanea soa. Laha marina sady azo antoky fa nisy fitivativa manahaky zay nanovy ta Israely ao, le zao ro tokony anovinareo.⁵Engao ho andesinareo amy ty vavahady ty tanà eo, ty lahilahy ndra ty ampela, ze nanao zay raha-zay, engao ho torahanareo vato ho maty olo zay.⁶Amy ty saca ty vavolombelo roe, ndra vavolombelo telo, le engao ho vonoe ho maty ie; fa amy ty safaty vavolombelo raiky avao ro engao tsy ho vonoe ho maty ie.⁷Tsy maintsy ty tanana ty vavolombelo eo velohany mamono azy ho maty, sady afara zay le ty tana olo lako iaby rey; sady halanao tsy ho aminareo eo ty raty.⁸Laha misy rahara mitsanga ze sarotsy maré vono olo ndra fahafatesa tsy ampoizy, tany ty zon'olo raiky hafa eo, ndra karaza fandratsa nanovy, ndra karaza raharaha hafa, raharaga mampialy hevitsy amy vavahady ty tanànaireo rey eo--- le engao nareo hiakatsy amy ty toera ze hotinginy Yaveh Njanaharinareo eo ho fipetsahany masy.⁹Engao nareo handeha amy mpisoro rey any, tariha i Levita rey, sady amy mpitsara ze tompoan'anjara amy fotoa rey zay; hila ty hevitsin-drozy nareo, sady hamean-drozy anareo ty lilim-pitsarà.¹⁰Engao orihonareo ty lalà namea anareo amy ty toera ho tinginy Yaveh ao ho fipetsahany masy. Hiemby hanao ty raha-iaby ze hanoroan-drozy lala hanovinareo nareo.¹¹Oriho ty lalà ze ampianarin-drozy anareo, sady anovo manahaky ty fanapahan-kevitsy amean-drozy anareo. Ka mivio amy ze nivolan-drozy anareo, ho ankavana any ndra ho ankavia any.¹²Ndra ia ndra ia miavonavo, amy ty tsy fijanjina ty mpisoro ze mitsanga hanompo anila Yaveh Njanaharinareo eo, ndra amy ty tsy fijanjina ty mpitsara---olo zay le ho maty; hangalaky ty raty amy Israely nareo.¹³Engao ty olo iaby haharé sady hatahotsy, sady tsy hiavonavo sasy.¹⁴Lafa avy amy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinareo anareo any nareo, sady lafa azonareo zay ka le manomboky mipetsaky ao nareo, le hoasa nareo hozao: "Hampipetsaky mpanjaka amiko eo zaho, manahaky firenea iaby ze niodidy ahy rey,"¹⁵sadye tsy maintsy hampipetsaky mpanjaka aminareo eo vatany nareo ze olo hotinginy Yaveh Njanaharinareo. Tsy maintsy hametsaha mpanjaka aminareo eo nareo ze olo baka amy ty rahalahinareo. Tsy afaky mametsaky vahiny, ze tsy rahalahinareo, aminareo eo nareo.¹⁶Nefa tsy azony anovy ty manalako ty sovaly ho ahy ty vatany, ndra hahavy ty olo lako dinihiny Egypta eny, mba hafahany manalako sovaly rey, fa hoy Yaveh taminareo hozao: "Tsy himpoly amy lala zay sasy nareo."¹⁷Tsy mahazo mangala-baly lako ho ahy ty vatany ie, mba tsy hiodiha ty fony an-kafa any. Tsy mahazo mamory volafoty noho volamena lako maré.¹⁸Lafa mipetsaky amy ty seza fipetsaha ty fanjakany eo ie, le tsy maintsy soratiny ho ahy ty vatany amy ty horonan-taratasy ty lalà, baka amy ty lalà se aloha mpisoro rey eo, ze Levita.¹⁹Tsy maintsy miaraky aminy ty horonan-taratasy, sady tsy maintsy valiny zay amy ty andro iaby hiainany, mba hafahany mianatsy manaja an'Yaveh Njanaharinareo, mba hitanjanany safa iaby rey lily noho lalà rey ndreto, mba niemben-drozy.²⁰Tsy maintsy dikany zay mba tsy hirengerengea ty fony amy rahalahiny rey, sady mba tsy hivionany amy lily rey, ho an-kavana any ndra ho an-kavia any; mba hahalava androny noho anany rey amy ty fanjakany ao, amin'Israely eo.

Chapter 18

¹Mpisoro rey, ze Levitika, sady ty foko i Levy iaby, le tsy hahazo anjara ndra lova miarakany amy Israely; tsy maintsy mihina fanomeza Yaveh nanovy mahazo manahaky ty lovanany rey ndrozy. ²Tsy tokony mahazo lova amy rahalahiny rey eo ndrozy; Yaveh ro lovan-drozy, manahaky ty fa nivolaniny tamin-drozy. ³Zao ro anjara ty mpisoro baka amy ty olo lako any, noho baka amy nanao soro rey any ndra aomby rey ndra aondry rey: tokony hamean-drozy ho ahy ty mpisoro ty soroko, ty fifiny roe, noho anainy ao. ⁴Veloham-bokatsy ty varinao rey, ty divainao vaovao, noho ty solo-bonio, sady ty volon'aondry velohany, le tokony hameanao azy zay. ⁵Fa Yaveh Njanaharinareo ro nitingy azy tany ty fokonareo iaby eo mba hitsanga noho hanompo amy ty anara Yaveh, ie noho ty anakilahiny zisiky farany. ⁶Laha misy Levita raiky avy baka amy ty tanànanareo niala ty Israely iaby ze nipetsahany, sady maniry amy ty fanahiny iaby ho avy amy toera ze ho tinginy Yaveh, ⁷le tsy maintsy manompo amy ty anara Yaveh Njanaharinany ie manahaky ty anovy Levita rey iaby rahalahiny, ze mitsanga aloha Yaveh ao. ⁸Tokony hana ty anjara fihinana mitovy ndrozy, ankoatsy ze azo amy ty famarota ty lova ty longony. ⁹Lafa tafilitany amy ty tany ze hame Yaveh Njanaharinareo ao nareo, le ka mianatsy maliniky ty fahativativa ty firenea rey. ¹⁰Tsy tokony hahita olo mampipetsaky ty anakilahiny ndra ty anak'ampela anay afo aminareo eo, ndra ia ndra ia mampiasa sikily, ndra misikily, mampiasa aoly, ndra manao aoly, ¹¹mpanao vinta, miresaky amy ty maty, ndra ze miresaky amy fanahy rey. ¹²Fa ndra ia ndra ia manao raha rey le fahativativa amy Yaveh zay; safe noho ty fahativativa rey ro handroaha Yaveh Njanaharinareo rey ndrozy tsy ho alohanareo eo. ¹³Engao tsy hanan-tsiny aloha Yaveh Njanaharinareo eo nareo. ¹⁴Fa firenea ze ho alanareo rey le mijanjy mpanao aoly noho sikily rey; fa nareo koa, Yaveh Njanaharinareo ro tsy nanenga anareo nanao zay. ¹⁵Hampitsanga olo to-resaky baka aminareo ho ahy nareo Yaveh Njanaharinareo, raiky amy rahalahinareo, manahaky ahy. Tokony janjininareo ie. ¹⁶Zay ro nangatahinareo tany Yaveh Njanaharinareo ta Horeba any tany ty andro ty egilizy, manao hozo: 'Andao tsika tsy haharé ty feo Yaveh Njanaharintsika sasy, ndra hahita afo bevata toy sasy, mandrany ho maty tsika.' ¹⁷Sady hoy Yaveh tamiko hozo: 'Soa ze nivolanin-drozy rey. ¹⁸Hampitsanga olo to-resaky raiky ho ahy ndrozy Zaho amy rahalahin-drozy rey eo, ze manahaky anareo. Hanoviko am-bavany ao safako rey, sady ho volaniko androzy ze nibekoako azy iaby. ¹⁹Hiboaky zay laha misy olo tsy mijanjy safako ze volaniny amy ty anarako rey, ho takeko aminy zay. ²⁰Fa azy olo to-resaky ze mivola safa ampirengerengea iny amy ty anarako, ty safa ze tsy nibekoako azy ho volany, ndra ze mivola amy ty anara ty njanahary hafa rey, le tsy maintsy ho maty olo to-resaky zay. ²¹Zao ro tokony ho volaninareo am-ponareo ao: "Manao akory ro hanenkeanay hafatsy ze tsy nivolanany Yaveh? ²²Hanenky ty hafatsy ze nivolanany Yaveh nareo lafa mivola amy ty anara Yaveh ty olo to-resaky. Laha tsy mitsanga ndra tsy tanteraky raha zay, laha zay le raha tsy nivolanany Yaveh zay sady nivola zay tam-pirengerengea ty olo to-resaky, ka le tsy tokony hatahotsy azy nareo.

Chapter 19

¹Lafa manapaky firenea rey Yaveh Njanaharinareo, tany ze ameo i Yaveh Njanaharinareo rey ho ahy nareo, sady lafa mangalaky ty tanin-drozy sady mipetsaky tamy ty tanàn-drozy ao noho ty tsanon-drozy nareo, ²le mitingy tanà telo ho ahy ty vatanareo anivo ty taninareo ze namea Yaveh Njanaharinareo anareo eo ho hanana.

³Manamboara lala sady zarao ho telo ty faritaninareo, ty tany ze nengà Yaveh Njanaharinareo ho lovanareo, mba hilay any ze iaby mamono olo-hafa. ⁴Zao ro lalà ho ahy ty olo ze mamono olo-hafa sady milay hipetsaky any: ndra ia ndra ia mamono tampoky ty mpiara-belo aminy, sady tsy nalay azy taloha eo— ⁵manahaky ty lafa mana an'ala any miaraky amy ty mpiara-belo aminy mba hanapaky hazo, sady manapaky ty hazo amy ty famaky ie, sady miala amy ty tahony eny ty loha famaky iny ka le mahavoavango mpiara-belo iny aminy ka le maty eo—le tsy maintsy milay amy ty raiky any amy tanà rey sady mipetsaky any lahilahy zay. ⁶Lafa tsy zay le maty ho orihiy ty mpamaly lio azy raiky ze hangalaky ay iny, sady ty siaken-kelokiny ro handresy, laha bey maré ty halavira, vango ie sady vono ie, ndra le tsy maeva ty ho maty aza lahilahy zay, safe tsy nalay ty mpiara-belo aminy ie taloha any.

⁷Laha zay mibeko anao zaho hitingy tanà telo ho anao. ⁸Laha mampiitatsy ty faritaninareo Yaveh Njanaharinareo, manahaky ty fa nifantany tamy razambenareo rey fa hanoviny, sady ty tany iaby ze nampanantenany fa hamea ty razambe anareo; ⁹laha embenanareo lily iaby rey, ze hibekoako anareo henio—lily rey mba hotea an'Yaveh Njanaharinareo noho handeha amy ty lalany zisiky farany, le tokony hanampy tanà telo bevata ho ahy ty vatanareo rey nareo, ankoatsy telo rey. ¹⁰Anovo zay mba tsy hisy lion'olo tsy manan-tsiny hiorakany amy tany ze amea Yaveh Njanaharinareo ho ahy nareo iny eo ho lova, mba tsy heloky amy ty lio nareo. ¹¹Fe laha misy olo malay ty mpiara-belo aminy, manoma tetiky hamonao azy, mitsanga hanohitsy azy, sady mandatsa azy mba ho maty, sady laha milay amy ty raiky amy ty tanà ndrozy rey any— ¹²le tsy maintsy maniraky noho mangalaky azy himpoly baka any olo bey lako rey amy ty tanàny ao, sady manome azy an-tana ty mpamaly faty eo, mba ho maty ie. ¹³Engao ty masonareo tsy ampitoro famalozam-po aminy; fa koa, fonao tsy ho amy Israely eo ty famonao olo tsy manan-tsiny, mba hahasoa anareo. ¹⁴Ka alà amy ty mpiara-belo aminareo ty tahaizan-tany ze napetsakin-drozy fotoa lako taloha any, amy ty lova ze ho lovanareo, amy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinareo ho hanananareo any. ¹⁵Tsy misy vavolombelo raiky vatany hitsanga hahazo olo raiky amy ty siaky iaby, ndra amy ty ota iaby, amy ty raha nanotàny iaby; fa amy ty vava ty vavolombelo roe, ndra amy ty vava ty vavolombelo telo, ro hanamarina ty raha iaby. ¹⁶Laha anovy hor misy vavolombelo tsy marina raiky mitsanga manohitsy olo mba hitsanga vavolombelo hahazo azy amy ty fananova-raty. ¹⁷Sady lahilahy roe rey, ze misy tsy fitoviza-hevitsy, le tsy maintsy mitsanga anila Yaveh eo, anila mpisora rey noho mpitsara ze mpiasa amy andro zay eo. ¹⁸Mpitsara rey ro tokony hanao filà laliky; henteo, laha sandoky ty vavolombelo sady laha mitsanga vavolombelo tsy marina amy ty rahalahiny, ¹⁹le anovo aminy ze niriny hanovy amy ty rahalahiny; sady hangalaky ty raty aminareo eo nareo.

²⁰Sady ze tavela rey ro haharé noho hatahotsy, sady tsy hanao raha-raty manahaky zay aminareo eo sasy manomboky eo. ²¹Tsy tokony hampitoro famalozam-po ty masonareo; ty ay ro ho solo ty ay, maso solo ty maso, hý solo ty hý, tana solo ty tana, tomboky solo ty tomboky.

Chapter 20

¹Laha hiboaky hialy amy ty fahavalonareo nareo, ka le mahita sovaly rey, kalesa rey, sady olo lako hisaky noho nareo, le ka matahotsy androzy nareo; fa miaraky aminareo Yaveh Njanaharinareo, le ze nanday anareo nandeha niala ty tany Egypta.²Ka le lafa manomboky ty hialy nareo, le tsy maintsy hamonjy ty mpisoro ka le hivola amy ty olo lako.³Le hivola amin-drozy hozao: "Mijanina, Israely, hialy amy ty fahavalonareo nareo. Engao tsy ho vozaky ty fonareo. La matahotsy ndra mangitikitiky. Ka matahotsy androzy.⁴Fa Yaveh Njanaharinareo ro hiaraky handeha aminareo mba hialy tamy ty fahavalonareo sady mba hamonjy anareo.⁵Le tsy maintsy hivola amy ty olo lako manam-boninahitsy rey ka le hanao hozao: "Misy lahilahy va ao ze nanao tsano vaovao ka le mbo tsy nitoka zay? Engao ie handeha sady himpoly an-tsanony any, mba tsy ho maty an'aly ie ka le ho lahilahy hafa ndraiky ro hitoka zay.⁶Misy lahilahy va namboly tanim-boloboky ka le mbo tsy nisitsaky ty vokatsy zay? Engao ie holy, mba tsy ho maty an'aly ie ka le olo hafa ndraiky ro hisitsaky ty vokatsy zay.⁷Misy lahilahy va ao nifamofa tamim-behivavy nefa tsy mbo nanam-baly azy? Engao ie holy mba tsy ho maty an'aly ka le ho lahilahy hafa ndraiky ro hanam-baly azy.⁸Le mbo hivola amy ty olo lako zisiky any manam-boninahitsy rey hanao hozao: "Misy lahilahy ze matahotsy va ao ndra vozaky am-po? Engao ie handeha sady himpoly an-tsanony any, mba tsy ho vozaky manahaky ty fony koa ty fo ty rahalahiny."⁹Ka le lafa baka mivola amy ty olo lako manam-boninahitsy rey, le tsy maintsy manondro mpifehy hitariaky androzy rey rozy.¹⁰Lafa mandeha mba hanafiky tanà nareo, le manova tolo-pilongoa amy olo lako rey.¹¹Laha manenky ty fanomezanareo noho mamoha ty vavahadiny ho anareo ndrozy, le ho avy andevonareo noho hanompo anareo ty olo iaby ze hita ao.¹²Fa laha tsy manao tolo-pilongoa aminareo zay, fa hamaky aly aminareo koa, le tsy maintsy anovinareo vava zay,¹³sady lafa manome fandresea anareo Yaveh Njanaharinareo ka le mametsaky androzy ambany fifehezanareo eo, le tsy maintsy vononareo ty lahilahy iaby amy tanà iny ao.¹⁴Fa ty ampela koa, aja maliniky rey, ty biby fihary, noho ze iaby amy tanà iny ao, sady ty hananany iaby, le halanareo ho gadra ho ahy nareo zay. Le hihinana ty gadra fahavalonareo rey nareo, ze namea Yaveh Njanaharinareo nareo.¹⁵Zay ro fomba tsy maintsy anovinareo amy tanà iaby ze tena lavitsy anareo rey, le tanà tsy baka amy tanà ndreto rey firenea manaraky ndreto.¹⁶Amy ty tanà olo ze amea Yaveh Njanaharinareo anareo rey ao ho lovànareo, le tsy azonareo asia velo ze mety ho mana imbon'ay.¹⁷Fa koa, tsy maintsy ravànareo tanteraky ndrozy: ty Hetita, noho ty Amorita, ty Kananita, ty Perizita, ty Hivita, sady ty Jebosita, manahaky ze nibeko Yaveh Njanaharinareo anareo.¹⁸Anovo zay mba tsy hampianarin-drozy anareo hanao fomba fahativativany zay, manahaky ze nanovin-drozy tamy njanahariny rey. Laha manao zay nareo, le hanonta amy Yaveh Njanaharinareo.¹⁹Lafa ela ro hananovanareo vava tanà raiky, laha mialy aminy nareo mba hahazoa azy, le tsy azonareo tapaha amy ty famaky hazony rey. Safe afaky mihina baka amy nareo rey, zay ro tsy hahazoanareo mamango androzy. Fa olo va ty hazo am-baibo ao ro tokony anovinareo vava? ²⁰Hazo ze hainareo rey fa tsy hazo fihina avao, ro azonareo simba noho alavo; hampitsanga vava manohitsy an'i azy tanà ze mialy aminareo iny nareo, zisky-maharava zay.

Chapter 21

¹Laha misy olo hita faty amy ty tany ze namea Yaveh Njanaharinareo ao ho fanana, miroro amy ty baibo eo, sady tsy hay ze nanafiky azy; ²le tsy maintsy mandeha miboaky olo-benareo rey noho mpitsaranareo rey, sady tsy maintsy nanametatsy tanà ze miodidy an'i olo nivonoe ndrozy iny rey. ³Sady olo bey ty tanà-bevata ze mariny ty faty olo iny rey le tsy maintsy mangalaky aombivavy kelikely baka amy ty aomby lako, daily ze tsy mbo nampiasà indraiky, sady tsy nisy zioga. ⁴Bakeo le tsy maintsy roasin-drozy mijotso amy ty loham-baibo misy rano mandeha aombivavy kelikely iny, loham-baibo ze tsy mbo nasà tany ty angadin'aomby ndra nambolè, sady tany ty loham-baibo eo ndrozy ro tsy maintsy aloha ty vozo aombivavy kelikely iny. ⁵Mpisoro rey, tariha i Levy, le tsy maintsy mamonjy mariny; safe ndrozy ro nitingy Yaveh Njanaharinao hanompo Azy noho hitahy ty olo amy ty anara Yaveh; janjino tiro-hevitsin-drozy rey, safe ty safan-drozy ro ho lilim-pitsarà amy ty fifamalia iaby noho amy ty fandatrà. ⁶Olo bey ty tanà iaby ze mariny olo nivonoe iny rey le tsy maintsy manasa ty tanan-drozy amy aombivavy kelikely iny eo ze veloha tany ty loham-baibo ty feony eo; ⁷sady tsy maintsy mamaly ty raha-misy rozy ka le mivola hozao: "Ty tananay ro tsy nandatsaky ty liony, sady tsy nahita zay ty masonay." ⁸Manengà ty olo lako Israelinao, ze fa navotanao, Yaveh, sady ka anovy heloky amy ty fandatsahan-dio olo ts manan-tsiny ty olo lako Israelinao." Le ho velo heloky amy ty fandatsahan-dio ndrozy. ⁹Amy fomba zay ro hangalanao ty lio tsy manan-tsiny anivonao eo, lafa manao ze marina amaso Yaveh eo iha. ¹⁰Lafa mandeha miboaky hialy hanohitsy fahavalonao rey iha sady Yaveh Njanaharinao manome fandreseanao anao noho manao androzy ho ambany fahefanao eo, sady mitandraky androzy ho gadra iha, ¹¹laha mahita ampela soa tarehy amin-drozy eo iha, sady manam-panaria aminy ka le maniry ty hangalaky azy ho valinao, le ¹²handesinao an-tsanonao any ie; hanaratsy ty lohany ie sady hanapaky ty hohony. ¹³Sady hangalaky ty salony ze nananovany tany ie gadra ie ka le hijano amy ty tsanonao ao sady hisaona ty babany noho ty reniny anay ty vola raiky. Lafa baka miaraky miroro aminy iha sady nanjary valiny, le ho valinao ie. ¹⁴Fa laha tsy mahazo fahafinareta aminy iha, le hanenga azy handeha amy ze iriny handeha any. Fa tsy azonao anovy ty mamarotsy azy ho fahazoa-jala, sady tsy azonao anovy ty manday azy manahaky ty andevo, safe fa nangala-baraka azy iha. ¹⁵Laha manam-baly roe ty lahilahy raiky sady ty raiky ro tea fa ty raiky halany, ka le samby niteraky aka ho azy iaby ndrozy roe---valy teany iny noho valy halany iny---laha baka amy azy halany iny ty anakilahy velohany, ¹⁶amy ty andro ze hampandoavy lahilahy ze hananany an'i anany rey, le tsy tokony hanao ty ana azy valy teany iny ho anakilahy velohany aloha ty ana valy halany iny ie, azy ana ze anakilahy velohany iny amy zao. ¹⁷Fa koa, tsy maintsy mieky ze anakilahy velohany ie, le azy ana ty valy halany iny, amy ty alala ty fanomeza anjaran-droe azy amy ze fananany iaby; safe anaky io ro fanomboha ty tanjakiny; ka le azy ty zokiny. ¹⁸Laha misy lahilahy raiky mana anaky mahery loha noho mpiharo ze tsy hanenky ty teo ty babany ndra ty feo ty reniny, sady ze, ndra le ahitin-drozy aza ie, le tsy hijanjy androzy; ¹⁹le tsy maintsy manery azy noho manday azy miboaky mana amy olo bey ty tanàny rey any noho am-bavahady ty tanàny any ty babany noho ty reniny. ²⁰Tsy maintsy mivola amy olo bey ty tanàny rey ndrozy hozao: "Anany toy ro mahery loha noho mpiharo; tsy hanenky ty feonay ie; tea-hany noho mpinotoaky ie." ²¹Le tsy maintsy mitora-bato azy ho maty iaby ty olo-iaby ty tanàny; sady iha ro hangalaky th raty aminao eo. Ty Israely iaby ro haharé zay ka le hatahotsy. ²²Laha nanao fahota maeva fahafatesa ty olo raiky sady vonoe ie, ka le harabiraby amy ty hazo eny, ²³le tsy azo ajano amy ty hazo eo anay ty haly iaby vatany ty fatiny. Fa koa, tsy maintsy anovinao amy andro io avao ie; safe ndra ia ndra ia narabiraby le voahozan-Janahary. Enkeo ty liliny mba tsy handoto ty tany ze namea Yaveh Njanaharinao ho lova iha.

Chapter 22

¹Tsy tokony hiemby ty aomby Israelita namanao rey iha ndra ty aondriny mandeha amy ty lala-diso ka le mamony ty vatanao amy rey; tsy maintsy ampolinareo aminy rey. ²Laha tsy mariny anao Israelita namanao rey, ndra laha tsy mahay azy iha, le tsy maintsy manday biby iny an-tsanonao any iha, sady tsy maintsy miarakay aminao zay zisiky-hilany azy, sady bakeo le tsy maintsy ampolinao aminy any zay. ³Tokony manao manahaky zay amy ty ampondrany iha; tokony manao manahaky zay amy ty fisikinany iha; sady tokony manao manahaky zay amy raha rey ty Israelita namanao tsobo iaby avao koa iha, ty anany ze tsobo ka le hitanao; tsy tokony mamony ty vatanao iha. ⁴Tsy tokony manenty ty apondra ty Israelita namanao ndra ty aombiny lavo amy ty lala ka le mamony ty vatanao amin-drozy iha; tokony manampy zay himpoly ndraiky iha. ⁵Tsy tokony hisiky fisikinan-dahilahy ampela rey, sady tsy tokony manao fisikinan'apela lahilahy rey; fa ndra ia ndra ia manao raha rey le fahativativa an'Yaveh Njanaharinareo zay. ⁶Laha misy tsanom-boro miboaky alohanao eo an-dala eny, amy ty hazo iaby eny ndra amy ty tany eny, miarakay amy ty anany ndra atoly aminy ao, sady reniny mipetsaky amy ty anany ro iny ndra amy atoly eo iny, le tsy tokony hangalaky reny miarakay amy azy anany iny iha. ⁷Tokony hanenga azy reny iny handeha iha, fa anany iny ro afaky alanao ho anao. Mankatoava beko zay mba ho mety aminao zay, sady mba hahalava ty andronao. ⁸Lafa mamboatsy tsano vaovao iha, le asio aro-fany ty tafo-tsanonao mba tsy handaisanao luo an-tsanonao ao laha misy olo lavo baka amy zay eo. ⁹Tsy tokony hamboly ty tanimbolobokinao miarakay amy ty karaza voa roe iha, mba tsy ho ala ty toera masy ty vokatsy iaby, voa ze narorakinao rey sady ty vokatsy ty tanimboloboky. ¹⁰Ka miasa tany amy ty aomby noho apondra miarakay ndraiky iha. ¹¹Ka misalotsy siky vita amy ty volon'aondry noho rongony miarakay. ¹²Manamboara somotsy aviavy amy ty zorony efatsy amy ty siky lava ze ananovanao eo. ¹³Laha misy lahilahy raiky mangala-baly, miarakay-miroro aminy, sady bakeo malay azy, ¹⁴noho mialona azy amy ty raha mahamenatsy sady manao laza raty azy, noho mivola hozao: 'Nangalaky ampela zay zaho, fa lafa namonjy mariny azy zaho, le tsy nahita porofo amy ty maha kelikely azy.' ¹⁵Le tsy maintsy mangalaky porofo ty amy ty maha-kelikely azy ho an'i olo bey rey amy ty vavahady ty tanà ao ty baba noho reny azy ampela iny. ¹⁶Ty baba ampela iny ro tsy maintsy mivola amy olo bey rey hozao: 'Nanome ty anak'ampelako ho valy lahilahy zay zaho, ka le nalay azy ie.' ¹⁷Ingo, nialona azy tany ty raha-mahamenatsy ie, sady nivola hozao: "Tsy hitako tany ty anak'ampelanareo ao ty porofo ty maha kelikely azy." Nefa toy ty porofo amy ty maha kelikely ty anak'alpelako. ¹⁸Tokony hangalaky lahilahy io olo bey ty tanà rey sady hanasazy azy, ¹⁹sady tokony hampanonitsy azy sekely volafoty zato ndrozy, sady hanome zay ho ahy ty baba ampela iny, safe nanao raty laza tany ty aja kelikely Israely raiky lahilahy iny. Tsy maintsy ho valiny ie; sady tsy afaky ty hisarakay aminy ie anay ty androny iaby. ²⁰Fa laha marina raha zay, fa porofo maha-kelikely azy le tsy hita tany ampela iny ao, ²¹le tsy maintsy handay an'i ampela iny amy ty varavara ty tsano azy raiky iny any ndrozy, sady lahilahy rey amy ty tanà any le tsy maintsy hitora-bato azy ho maty, safe nanao raha mampangoritsy ta Israely any ie, tany ty fananova fihetsiky manahaky ty ampela janga tan-tsano babany ao; sady hangalaky ty raty aminareo eo nareo. ²²Laha misy lahilahy tsatsy niarakay-niroro tany ty ampela raiky ze manam-baly lahilahy raiky hafa, le tsy maintsy ho maty ndrozy roe, lahilahy ze niarakay-niroro tany ampela iny noho ampela iny mihitsy; le hangalaky azy raty aminao eo iny iha. ²³Laha misy ampela kelikely raiky, mivaly amy ty lahilahy raiky, sady lahilahy raiky hafa mahatsatsy azy amy ty tanà ao ka le miarakay miroro aminy, ²⁴le alao ho amy ty vavahady ty tanà any ndrozy roe, ka le toraho vato ho maty. Tsy maintsy mitoraky ampela iny iha, safe tsy mitany ie, ndra le tany ty tanà ao aza. Tsy maintsy mitoraky lahilahy iny iha, safe nandika ty valy ty mpiara-belo aminy ie; sady hangalaky ty raty aminao eo iha. ²⁵Fa laha tsatsy ty lahilahy am-baibo eny azy ampela iny fa valin'olo, ka le laha tandrahany ie sady miarakay-miroeo aminy, le azy lahilahy ze miarakay-miroro aminy avao iny ro tsy maintsy ho maty. ²⁶Fa azy ampela tsy hananovanao ndra ino ndra ino iny; tsy misy heloky maeva fahafatesa amy ampela iny ao. Fa raha zay le manahaky ty lahilahy raiky manafiky ty mpiara-belo aminy noho mamono azy. ²⁷Fa hitany tam-baibo any ie; nikoraky maré ampela valin'olo iny, nefa tsy nisy olo afaky namonjy azy. ²⁸Laha misy lahilahy mahatsatsy ampela kelikely raiky nefa tsy mbo valin'olo, sady laha tandrahany noho miarakay-miroro aminy ie, ka laha tsatsy ndrozy, ²⁹le tsy maintsy manome sekely volafoty dimampolo amy ty baba azy ampela iny lahilahy niarakay-niroro taminy iny, sady tsy maintsy nanjary valiny ampela iny, safe nangala-baraka azy ie. Tsy tokony hisarakay aminy ie anay ty androny iaby. ³⁰Tsy tokony mangalaky ty valy-babany ho azy manoka ty lahilahy raiky; tsy tokony mangalaky ty zo ty fanambalia ty babany ie.

Chapter 23

¹Tsy misy lahilahy naratsy tamy ty fangala ndra fanapaha ty maha lahilahy azy afaky hilitry amy ty egilizy Yaveh ao. ²Tsy misy ajasary afaky ho isa ty egilizy Yaveh; ka le zisiky amy ty tariha fara-manolony fahafolo, tsy hisy ho isa ty fikambana Yaveh ndrozy. ³Ty Amonita noho Moaba ro tsy ho isa ty egilizy Yaveh; ka le zisiky amy ty tariha fara-manolony fahafolo any, tsy hisy ho isa ty egilizy Yaveh ndrozy. ⁴Zay le safe tsy nitsena anareo tamy ty mofa noho ty rano tamy ty lala niboahanareo eny baka Egipta any ndrozy, sady safe nanakarama an'i Balama anakilahy i Beora baka Petora any Arama Naharaima any hanohera anao ndrozy, mba hanozoa anao. ⁵Fa Yaveh Njanaharinao ro tsy hijanjo an'i Balama; fa koa, navaliky Yaveh ho fitahia ho anao ozo iny, safe tea Yaveh Njanaharinao iha. ⁶Tsy tokony hila ty fiadana ndra fitahian-drozy avao iha, anay ty androm-piainanao iaby. ⁷Tsy tokony halay Edomita iha, safe rahalahinao ie; tsy tokony halay Egiptiana iha, safe vahiny tamy ty vahiny any iha, safe vahiny tamy ty taniny any iha. ⁸Tariha baka amy ty tariha fahatelo ze naterakin-drozy rey ro mety ho anisa ty egilizy Yaveh. ⁹Laha mandeha manahaky ty tafiky manohitsy an'i fahavalonao rey iha, le tokony hiemby ty vatanao amy ty raha raty iaby. ¹⁰Laha misy lahilahy tsy malio noho ze nitsanga taminy ty haly aminao eo, le tokony hiboaky amy ty toby ty tafiky ao ie; tsy mahazo mimpoly amy ty toby ao sasy ie. ¹¹Lafa niavy ty hariva, le tokony hanasa ty vatany amy ty rano ie; lafa milentiky ty masoandro, le himpoly amy ty toby ao ie. ¹²Tokony hana toera ambaliky toby any avao koa iha ze handehananao; ¹³sady hanana raha amy ty raha-fiasanao ao iha mba handavaha; lafa mitsingitsingy manao maloto iha, le tokony handavaky amy zay sady bakeo mampimpoly ty tany ka le mandomboky ze niboaky baka aminao ao. ¹⁴Safe Yaveh Njanaharinao ro mandeha anivo ty tobinao eny mba hanome fandreseha ho anao noho hanome fahavalonao rey aminao. Laha zay le tokony ho masy ty tobinao, mba tsy hahita raha tsy malio aminao eo ka le hivaliky aminao. ¹⁵Ty andevo ze nitsoaky baka amy ty tompony any le tsy tokony himpoly aminy any. ¹⁶Engao ie hipetsaky hiaraky aminao, ndra aia ndra aia tanà tingininy. Ka ampijale ie. ¹⁷Tsy tokony hisy mpaheriloha amy ty fanompoan-tsampy amy anak'ampelan'Israely rey eo, ndra koa hisy mpaheriloha amy ty fanompoan-tsampy amy anakilahin'Israely rey eo. ¹⁸Karama ty mpivarom-bata rey ndra karama alika le tsy tokony andesy an-tsano Yaveh Njanaharinao ao mba hanantanteraha voady; safe samby fahativativa amy Yaveh Njanaharinao rey. ¹⁹Tsy tokony hangalaky benefisy amy Israelita rey namanao iha lafa mampindra---benefisy amy ty jala, benefisy amy ty hany, benefisy amy ndra ino ndra ino nampindramy hangala benefisy. ²⁰Mety hampindra hangala benefisy iha amy ty vahiny; fa amy Israelita namanao rey ro tsy tokony hampindra hangala benefisy iha, mba hitahy Yaveh anao amy ze iaby hametsahanao tana, amy ty tany ze hanjary fanana ao. ²¹Lafa manao vava amy Yaveh Njanaharinao iha, le tsy tokony hiraikiraiky amy ty fanantanteraha zay, safe azo antoky fa take Yaveh Njanaharinao aminao zay; ho fahota ho anao ty tsy fanantanteraha zay. ²²Fa laha hanindry fo iha amy ty fananova vava. le tsy ho fahota ho ahy nao zay. ²³Ty safa ze naboaky ty vavanao ro tiarovo sady tanteraho; manahaky ze vava nanovinao tamy Yaveh Njanaharinao, ndra ino ndra ino nampantanteraha amy zao avao tamy ty vavanao. ²⁴Lafa mana amy ty tanim-boloboky ty mpiara-belo aminao any iha, le mety hihina voloboky lako manahaky ze irinao, fa ka manisany anay haronao ao. ²⁵Lafa mandeha mana amy ty tanimbary ty mpiara-belo aminao any iha, le mety hamboly salohim-bary amy ty tananao, fa ka ametsaha meso fanapaha ty salohim-bary ty mpiara-belo aminao.

Chapter 24

¹Laha misy lahilahy mangala-baly ka le manam-baly azy, sady laha tsy mahita sitsaky amasony eo ampela iny safe nahita raha tsy nety taminy ie, le tsy maintsy manoratsy taratasy fanamarina fisaraham-baly aminy ie, apetsaho am-pelatanany eo zay sady roaho an-tsanony ao ie. ²Lafa niala tamy ty tsanony ao ie, le afaky mandeha noho ho valy ty lahilahy hafa rey. ³Laha malay azy valiny faha roe iny ka le hanoratsy taratasy fanamarina fisaraham-baly, le apetsaho am-pelatanany eo zay, sady roaho an-tsanony ao ie; ndra maty valiny faharoa iny, lahilahy ze nangalaky ho valy iny--- ⁴le afaky tsy mangala-baly azy sasy valiny taloha eo iny, ze velohany nandroaky azy, lafa voaloto ie; safe ho fahativativa tamy Yaveh zay. Ka manao ze mahatseriky ty tany ho meloky iha, le tany ze amea Yaveh Njanaharinao ho lova iny. ⁵Laha misy lahilahy vo nangala-baly, le tsy tokony handeha an'aly miaraky amy ty tafiky ie, ndra bekoa handeha hanao asa forisé; ho afaky hipetsaky an-tsanony ao anay ty tao raiky sady hampifaly ty valiny ze nalany ie. ⁶Tsy misy lahilahy mangalaky fikoseham-bary ndra ty vatony anabo ho antoky, safe zay ro mangalaky ty ain'olo ho antoky. ⁷Laha misy lahilahy tsatsy mangalaky forosé ty raiky amy lahilahy ze amy ty olo lakon'Israely rey, noho manao azy hanahaky ty andevo sady hamarotsy azy, le tsy maintsy ho maty mpangalatsy zay; sady hanafaky ty raty aminao eo iha. ⁸Miembena amy ty areti-mandrava ty haboka, mba hafahanao manara-maso soa noho manaraky ty toro-hevitsy iaby ze namea anareo noho ze nampianary mpisoro rey, Levita rey nareo; manahaky ty nibekoako androzy, ka le ho arahonareo. ⁹Tiarovo ty nanovy Yaveh Njanaharinao tamy i Miriama lafa baka Egypta any nareo. ¹⁰Lafa manombotsy-raha ty mpiara-belo aminao iha, le ka militsy an-tsanony ao mba hangalaky ty antokiny. ¹¹Hitsanga ambaliky ao iha, sady lahilahy ze nampindraminao iny handay antoky iny hiboaky aminao eo. ¹²Laha lahilahy mijaly ie, ka andesy miroro ho fanananao ty antokiny. ¹³Fa tsy maintsy ampolinao aminy any antoky amy ty fotoa hilenteha ty masoandro iny, mba hafahany miroro anay sikiny ao sady hitahiany anao; ho fanamariha ho anao anila Yaveh Njanaharinao eo zay. ¹⁴Ka mampijaly ty mpiasa nikaramà ze mijaly noho anay ty tsy fahampea ao, ndra ana Israelita namanao rey, ndra vahiny ze amy ty tany ao ze am-bavahady ty tanànao ao rey; ¹⁵ameo azy isan'andro ty karamany; la enga ho tsatsy ty masoandro milentiky zay, safe mijaly ie sady mitamà zay. Anovo zay mba tsy hitorevany amy Yaveh any ty aminao, sady mba tsy ho fahota ho anao zay. ¹⁶Ty ray aman-dreny ro tsy tokony ho vonoe noho anany rey, ndra ty anaky ho vonoe noho ray aman-dreniny rey. Fa koa, ty kirai-draiky iaby le tsy maintsy vonoe noho ty fahotany raiky. ¹⁷Tsy tokony hampiasa hery iha mba hangala ty rariny amy ty vahiny ndra ty kamboty, ndra hangalaky ty siky ty mpandai-vata ho antoky. ¹⁸Fa koa, tiarovo fa iha ro andevo ta Egypta any, sady Yaveh Njanaharinao ro namonjy anao tany. Laha zay mananatsy anao hanenky lily zay zaho. ¹⁹Laha miaritsy ty vokatsinao amy ty baibonao any iha, sady laha nanalino amboara raiky tam-baibo any, le ka mimpoly mangalaky zay; engao ho ahy ty vahiny, ho ahy ty kamboty sady ho ahy ty mpandaivata zay, mba hitahia Yaveh Njanaharinao anao amy ty asa ty tananao iaby. ²⁰Lafa manintsa ty hazo olivanao iha, le ka mampimpoly mitimpo rey amy ty sampany eny sasy; ho ahy ty vahiny, ho ahy ty kamboty, sady ho ahy ty mpandaivata zay. ²¹Lafa mamory ty voloboky amy ty tanimboloboky eny iha, le ka mitimpo zay sasy. Fa ze sisa tavela ro ho ahy ty vahiny, ho ahy ty kamboty, sady ho ahy ty mpandaivata. ²²Tiarovo fa andevo tamy ty tany Egypta any iha; laha zay mananatsy anao hanenky lily zay zaho.

Chapter 25

¹Laha misy fifamalia amy lahilahy rey eo, sady tsarà mpitsara rey ndrozy, le ho afahan-drozy maliolio azy marina iny sady ho helofa azy raty fanahy iny. ²Laha maeva ty ho vangoe azy meloky iny, le ho ampiroroe azy mpitsara iny ie sady vangoe anilany eo miaraky amy ty isa ty vangoa voatondro, manahaky ty helokiny.³mety hanome vangoa afa-po azy ty mpitsara, fe tsy afaky mandilatsy isa io ie; safe laha manome mandilatsy isa io ie ka le mamango azy maréré, le ho afa-baraka amasonareo eo Israelita namanareo rey.⁴Ka mampikombo ty vava ty aomby lafa mihina vary ie.⁵Laha misy pizay pizoky miaraky-mipetsaky le maty ty raiky amin-drozy, ka le tsy nana anakilahy, le tsy mahazo manambaly olo ambaliky ty longo valy azy lahilahy maty iny. Fa koa, tsy maintsy miaraky-miroro aminy ty zainy lahilahy ka le mangala-baly azy, sady manao ty asany amy ty maha-zainy lahilahy azy. ⁶Zay ro mba hahamety azy teraky velohany iny ze nandesiny tan-tsarotsony ao amy ty anara azy zainy ty lahilahy iny ze maty io, mba tsy ho lova a-Israly ao ty anarany.⁷Fa laha tsy manam-paniria ty hangalaky ty valy ty zainy ho azy lahilahy iny, le tsy maintsy mana amy ty vavahady any amy olo-be rey any ty valy ty zainy sady mivola hozo: 'Ty zainao lahilahy ro mandà ty hanome anara ho ahy ty zainy eto Israely; tsy hanao ty lily ty zainy lahilahy amiko ie.' ⁸Bakeo olo-be an-tanàny eo rey tsy maintsy mikaiky azy sady hiresaky aminy. Fa laha anovy hoe mihizingizy ie sady mivola hozo: 'Tsy manam-paniria hangalaky azy zaho.' ⁹Bakeo ty zainy lahilahy tsy maintsy mamonjy azy anila olo-be rey eo, mangalaky ty kapa an-tombony eny, sady mandora amy ty tarehiny eny. Tsy maintsy mamaly azy ie sady mivola hozo: 'Manahaky zay ro anovy amy ty lahilahy ze raty mamboatsy ty tsano ty rahalahiny.' ¹⁰Ty anarany ro ho kaihe a-Israely ao hozo: 'Ty tsano nala ty kapany iny.' ¹¹Laha mialy lahilahy rey, sady niavy ty valy ty raiky m a hanavotsy ty valiny an-tana ze namango azy eny, sady laha manampatsy ty tanany ka le mandramby azy amy ty maha lahilahy azy eny ie, ¹²le tsy maintsy tapahanao ty tanany; tsy tokony hana famalozam-po ty masonao. ¹³Tsy tokony hana vato samby hafa iha anay kitaponao ao, azy kelikely noho bevata iny. ¹⁴Tsy tokony hana fandreseha samby hafa iha an-tsanonao ao, azy kelikely noho bevata iny. ¹⁵Vato avy avao noho marina ro tokony hananao; fametara avy avao noho marina ro tokony hananao, mba ho lava ty andronao amy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinao anao any. ¹⁶Fa iaby ze manao raha manahaky zay rey, ty iaby ze manao fihetsiky tsy am-pahamarina rey, le fahativativa anila Yaveh Njanaharinao eo. ¹⁷Tiarovo ze nanovy i Amalekita anao tan-dala eny laha viboaky an'i Egipta nareo, ¹⁸ty fomba nitojehany taminao tan-dala eny noho ty nanafihany ty ilany taminao eny baka afara ao, iaby ze osa tafaranao rey, lafa vozaky noho entsaky iha; tsy nanome voninahitsy an-Janahary ie. ¹⁹Laha zay, lava namea Yaveh Njanaharinao fijanona tany fahavalo miodidy anao rey iha, tany ty tany ze namea Yaveh Njanaharinao anao ao mba ho lova, le tsy tokony halinonao fa tsy maintsty mamono ty fahatiarova an'i Anelekita rey ambany lanitsy eo iha.

Chapter 26

¹Lafa niavy amy ty tany ze hamea Yaveh Njanaharinao ho lovanao any iha, sady lafa lasano noho hipetsahanao zay, ²tsy maintsy alanao ty ilany amy ty veloham-bokatsy iaby amy tany ze nandaisa anao iny eo tany ty tany ze namea Yaveh Njanaharinao eo. Tsy maintsy hanovinao anay haro ao zay sady handeha amy ty toera ze nitinginy Yaveh Njanaharinao any ho fipetsahany masy iha. ³Tsy maintsy mandeha amy ty mpisoro ze hanompo amy andro rey any iha, sady hivola aminy hozao: 'Mikaiky an'i Yaveh Njanaharinao zaho amy zao fa zaho ro baka amy ty tany ze nifanta Yaveh tany razantsika rey any mba hamea antsika.' ⁴Tsy maintsy hala ty mpisoro an-tananao eo haro iny sady hapetsaky aloha ty alitara Yaveh Njanaharinao. ⁵Tsy maintsy mivola anila Yaveh Njanaharinao eo iha hozao: 'Syrianina mijokojoko ty razambeko. Nandeha nijotso ta Egypta aby ie sady nijano tany, sady tsy ampy hisaky olo lakony rey. Tany ro nahavy azy ho bey, nahery, sady firenea bey olo mipetsaky. ⁶Raty fandaiza noho nampijaly antsika Egyptiana rey. Nampananoviny ty asa andevo rey tsika. ⁷Nitoreo tany Yaveh, Azy Njanahary ty razantsika rey tsika, sady reny ty feontsika sady hitany ty fijaleantsika, ty asantsika, sady ty fijaleantsika. ⁸Nandesy Yaveh niboaky baka Egypta any tany ty tana mahery tsika, tany ty faninjara ty sandriny, noho tany ty fampijalea bevata, tany ty fahaiza, sady tany ty fahatsereha; ⁹sady le nanday antsika tany toera toy noho nanome antsika tany toy, le tany ze tondra-dronono noho tantely. ¹⁰Ingo amy zao, manday ty veloham-bokatsy ty tany ze nameanao, ahy, Yaveh zaho. 'Tsy maintsy hapetsakinao ambany eo aloha an'Yaveh Njanaharinao zay sady mananova fanompoam-pivavaha alohany eo; ¹¹sady iha ro tsy maintsy mifalifaly amy ze raha-soa iaby nanovy Yaveh Njanaharinao taminao, tany ty longonao—iha, noho ty Levita, sady mpivahiny aminao rey eo' ¹²Lafa baka manome ty ampahafolo ty vokatsy iaby tany ty faha telo tao iha, ze, tao ty ampahafolon-kanana, le tsy maintsy hameanao ho ahy ty Levita rey zay, ho ahy ty vahiny, ho ahy ty kamboty, noho ho ahy ty mpandaivata, mba hafahan-drozy mihina anay ty vavahady ty tanànao ao ka le le ho vinty. ¹³Tsy maintsy mivola aloha Yaveh Njanaharinao eo iha hozao: 'Nandesiko niboaky ty tsanoko raha ze an'Yaveh rey, sady nameako ty Levita, ty mpivahiny, ty tsy mana-baba, noho ty mpanday-vata, manahaky ty lilinao iaby ze nameanao ahy. Tsy nisy nilikako lilinao rey, ndra nihalinoko rey. ¹⁴Tsy nihina tany zay zaho tanay ty fihinanako, ndra nanoviko teny ho amy ty andro ty fahalotoako eny, ndra nameako ho fahan-kany hanajaà ty maty. Nijanjy ty feo Yaveh Njanaharinao zaho; nenkeko iaby ze iaby nibekoanao ahy mba hanoviko. ¹⁵Manentea ambany baka amy ty toera masy ze hipetsaha ao eny, baka an-danitsy eny, sady tahio Israely olo lakonao rey, noho tany ze nameanao anay iny, manahaky ze nifantanao tany razany rey, le tany tondra-dronono noho tantely. ¹⁶Henanio Yaveh Njanaharinao ro ni eo anao mba hanenky lalà noho lily rey; laha zay le hiemby androzy iha sady hanoriky zay amy ty fonao iaby noho ty fanahinao iaby. ¹⁷Nanao fanambarà iha androany fa Yaveh ro Njanaharinao, ka le handeha amy ty lalany 8ha sady hiemby fitsipikiny rey, liliny rey, noho lalàny rey, sady hijanjy ty feony iha. ¹⁸Henanio Yaveh ro manao fanambarà fa iha ro olo lako ze Azy raiky, manahaky ze nampanantenany anao, sady iha ro nanovy hiemby liliny iaby rey, ¹⁹sady ho anoviny ho anabo noho firenea hafa iaby ze nanoviny rey iha, sady iha ro hahazo rengy, sady voninahitsy. Ho olo lako voatoka ho an'Yaveh Njanaharinao iha, manahaky ze nivolaniny."

Chapter 27

¹Mosesy noho olo ben'Isarely nibeko ty olo lako rey sady nivola hozao: "Embeno lily iaby ze ibekoako anareo androany rey. ²Lafa handeha a-Jordana anay nareo ndraiky andro any ho amy ty tany ze amea Yaveh Njanaharinao anao any, le tsy maintsy hampipetsaky vato bevata lako iha sady handalotsy amy ty sokay rey. ³tsy maintsy soratinao amy ty safa iaby amy lalà toy rey ao lafa tafita iha, mba hilitsy amy tany ze amea Yaveh anao iny ao iha, le tany tondra-dronono noho tantely, manahaky ty fa nampanantena Yaveh, azy Njanahary ty razambenao iny. ⁴Lafa tafoya ty Jordana nareo, le atsangano vato ze hibekoako anareo androany rey, am-bohitsy Ebala ao, sady laloro sokay rey. ⁵Ao ro tsy maintsy hanamboara alitara ho an'Yaveh Njanaharinao, alitara vita amy ty vato; nefa la mampiasa fiasa vy hiasa vato rey. ⁶Vato tsy voapaiky ro tsy maintsy hanamboaranao ty alitara Yaveh Njanaharinao; tsy maintsy hanao fanomezana oroa ho ahy Yaveh Njanaharinao amin'io eo iha, ⁷sady hanao soro fanomezam-pilongoa iha ka le hihina ao. Hifalifaly anila Yaveh Njanaharinao eo iha. ⁸Ho soratinao atsiky amy ty vato rey ty safa iaby amy lalà toy." Mosesy noho mpisoro rey, sady Levita rey, niresaky tany Israely iaby rey, nanao hozao: "Ka mivola, sady mijanjina, Israely: Androany le fa nanjary olo lako Yaveh Njanaharinao iha. ¹⁰Laha zay le tsy maintsy manenky ty feo Yaveh Njanaharinao iha, sady manenky ty liliny rey noho ty lalàny ze hibekoako anao androany rey. ¹¹Tamy andro io avao ro naibekoa ty olo i Mosesy sady nivola hozao: ¹²"Foko ndreto ro tsy maintsy hitsanga am-bohitsy Gerizima eo mba hitsipi-rano ty olo lafa tafita an'i Jordana nareo: Simeona, Levy, Joda, Isakara, Josefa, sady Benjamina. ¹³Foko ndreto ro tsy maintsy hitsanga amy ty Vohitsy Ebala eo mba hanono ozo: Roben, Gada, Asera, Zebolona, Dana, sady Naftaly. ¹⁴Hamaly Levita rey sady hivola amy ty lahilahin'Israely rey aby amy ty feo abo hozao. ¹⁵Ho voahozo lahy ty lahilahy ze manao sarin-draha voasokitsy ndra sarin-draha mitily, ze fahativativa amy Yaveh, ty asa ty tana ty mpanao asa tana, noho ze mampitsanga zay milamy.' Sady ty olo lako iaby hamaly sady hivola hozao: 'Ameny.' ¹⁶Ho voahozo lahy ty lahilahy ze manao tsy misy dikany ty babany ndra hivola hozao: 'Ameny.' ¹⁷Ho voahozo lahy ty lahilahy ze mamalo ty mari-tany ty mpiaraky rindry tsano aminy.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ¹⁸Ho voahozo lahy ty lahilahy ze mampimpoly lala ty jiky.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ¹⁹Ho voahozo lahy ty lahilahy zecmampiasa hery mba hahazo ty rariny ze tokony ho ahy ty vahiny, ty kamboty, ndra ty mpandaivata.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²⁰Ho voahozo lahy ty lahilahy ze miaraky miroro amy ty valy ty babany, safe nangalatsy ty zo ty babany ie.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²¹Ho voahozo lahy ty lahilahy ze miaraky-miroro amy ze mety ho karazam-bibi-li.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²²Ho voahozo lahy ty lahilahy ze miaraky-miroro amy ty anabaviny, ty anak'ampela ty babany, ndra ty anak'ampela ty reniny.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²³Ho voahozo lahy ty lahilahy ze miaraky-miroro amy ty rafozan'ampelany.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²⁴Ho voahozo lahy ty lahilahy ze mamono milamy ty mpiaraky rindry tsano aminy.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²⁵Ho voahozo lahy ty lahilahy ze mandramby kolikoly mba hamonao ty olo-tsy meloky.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.' ²⁶Ho voahozo lahy ty lahilahy ze tsy nampahery safa ty lalà rey toy, fa hanenky androzy ie.' Sady ty olo lako iaby hivola hozao: 'Ameny.'

Chapter 28

¹Laha mijanjy soa ty feo Yaveh Njanaharinao iha sady miemby liliny iaby ze hibekoako anao androany rey, le hampipetsaky anao anabo ty firenea hafa iaby an-tany Yaveh Njanaharinao eto. ²Firenea iaby rey ro ho avy aminao sady hahatsatsy anao, laha mijanjy ty feo Yaveh Njanaharinao iha. ³Ho tahia iha an-tanà ao, sady ho tahia iha am-baibo any. ⁴Ho tahia ze naterakinao, noho ty vokatsy ty taninao, sady ty ana bibinao rey, ty fitomboaa ty biby fiharinao, sady ty ana ty aondry noho aosy. ⁵Ho tahie ty haronao noho ty finga fananova-mofonao. ⁶Ho tahie iha laha militsy, sady ho tahie iha laha miboaky. ⁷Hahavy fahavalonao ze mitsanga manohitsy anao rey ho resy alohano eo Yaveh; hiboaky hanohitsy anao amy ty lala raiky ndrozy nefa hilay alohano eo amy ty lala fito. ⁸Hibeko ty fitahia ho avy aminao amy sompitsinao ao noho amy ze iaby kasihy ty tanana Yaveh; hitahy anao amy ty tany ze ameanany anao any Ie. ⁹mboatsy anao manahaky ty olo lako ze voatoka Azy Yaveh, manahaky ty fa nifantany taminareo, laha miemby lily Yaveh Njanaharinao rey iha, sady mandeha amy ty lalany. ¹⁰Olo lako iaby an-tany eto rey hahita fa iha ro nikaihe tamy ty anara Yaveh, sady hatahotsy anao ndrozy. ¹¹Hanao anao ho mpanan-kanana maré amy ty anakinao, amy ty vokatsy ty biby fiharinao, sady amy ty vokatsy ty taninao, amy ty tany ze nifantany tany razanao rey hamea anao Yaveh. ¹²Hamoha ho anao ty tsano fanajariany an-danitsy any mba hanome ora ho ahy ty taninao amy ty fotoany, noho mba hitahy ty asa ty tananao iaby Yaveh; hampanambotsy ty firenea lako iha, fa tsy hanambotsy. ¹³Hanao anao ho lohany, sady tsy ho hohiny Yaveh; ho anabo avao iha, fa tsy ho ambany mihintsy, laha mijanjy lily Yaveh Njanaharinao ze hibekoako anareo androany rey, sady miemby noho manao rey, ¹⁴sady laha tsy mivio amy ty raiky amy safa ze hibekoako anao androany rey iha, amy ty havana ndra amy ty havia, sady manoriky njanahary hafa rey mba hanompo androzy. ¹⁵Fa laha tsy mijanjy ty feo Yaveh Njanaharinao iha, sady miemby liliny rey noho lalany iaby ze hibekoako anao androany rey, le ho avy aminao ozo iaby rey sady hahatsatsy anao. ¹⁶Hozony iha an-tanà ao, sady hozony iha am-baibo any. ¹⁷Hozony ty amy ty haronao ao noho ty finga fananova-mofo. ¹⁸Hozony ze naterakinao, ty vokatsy ty taninao, ty fitomboaa ty biby fiharinao, sady ty ana ty aondry noho aosinao. ¹⁹Hozony iha laha militsy, sady hozony iha laha miboaky. ²⁰Yaveh handefa aminao ozo rey, fisavorivoritaky, sady fivolana mahery amy ze iaby kasihy ty tananao rey, zisiky-maharavanao, sady zisiky-mahafatianao malaky noho asa ratinao ze hahafaizanao Ahy rey. ²¹Hampipitiky ty areti-mandrava aminao zisiky-handravany anao amy ty tany ze ho azonao Yaveh. ²²Hamaly anao amy ty areti-mifalo, amy ty tazo, amy ty faharary, sady amy ty hafana mafanan-tany noho mandoro, sady amy ty tsioky mafana noho maty foty Yaveh. Hania anao zisiky-mahafatianao rey. ²³Ty lanitsinao ze anabo ty lohano le ho saba, sady ty tany ze ambaninao ro ho avy. ²⁴Hanao ty ora ty taninao ho fasiky noho lemboky Yaveh; baka an-danitsy any ro hijotsoa zay aminao, zisiky-handravanao. ²⁵Hahavy anao ho resy aloha ty fahavalonao rey eo Yaveh; hiboaky amy ty lala raiky hanohitsy androzy iha lafa hilay alohan-drozy eo amy ty lala fito. Hisavoritsy eto noho eroa amy fanjaka ty tany iaby rey ao iha. ²⁶Ty fatinao ro ho hany voro baka an-danitsy eny iaby rey noho ho ahy ty biby ty tany rey; tsy hisy ndra ia ndra ia hampatahotsy rey. ²⁷Yaveh hamango anao amy vay i Egypta rey noho amy fery rey, fahaboka, sady hisindraky, sady tsy ho afaky amy zay iha. ²⁸Yaveh hamango anao amy ty fahatsoboan-tsay, amy ty fahajiky, sady amy ty fikorontan-tsay. ²⁹Hitsapatsapa amy ty atoandro manahaky ty jiky mitsapatsapa anay haiky iha, sady tsy hanimba amy lalanao rey iha; hampijaly noho ho robaha avao iha, sady tsy hisy ndra ia ndra ia hamonjy anao. ³⁰Hanjary mpifamofo amy ty ampela iha, nefa ty lahilahy hafa hanambotsy azy sady handrava azy. Hamboatsy tsano iha nefa tsy hipetsaky amy zay ao; hanao tanim-boloboky iha nefa tsy hisitsaky ty vokatsy zay. ³¹Ho vonoe aloha ty masonao eo ty aombinao, nefa tsy hihina ty hena zay iha; halà forisé aloha ty masona eo ty borikinao sady himpoly aminao. Hamea fahavalonao rey ty aondrinao, tsady tsy hana ndra ia ndra ia hanampy anao iha. ³²Anakilahinao rey noho anak'ampelanao rey ro hamea olo-hafa rey; hila androzy anay ty andro raiky masonao rey, nefa tsy hahavita mandiny androzy. Tsy hisy hery an-tananao eo. ³³Ty vokatsy ty tananao noho ty asanao iaby — firenea ze tsy hainao ro hihina zay; hampijalea noho hotoroe mandrakariva iha, ³⁴mba hahavy anao ho jotso say noho ze raha-mitsanga hitanao. ³⁵Yaveh hamango anao amy ty vay mahery amy ty ongotsy noho tomboky eo sady tsy hoafaky amy zay iha, zisiky amy ty lela-tombokinao ka le zisiky amy ty anabo lohano. ³⁶Yaveh handay anao noho ty mpanjaka ze hapetsaky ho ahy ty vatanao ho amy ty firenea ze tsy hainao any, ndra ino ndra ino razanao rey; hanompo njanahary hafa rey hazo noho vato ao iha. ³⁷Hanjary loharano ty horohoro, ohabola, sady oha-pivolana, amy olo lako iaby ze handroaha Yaveh anao rey eo iha. ³⁸Hamboly voa lako am-baibo eo iha, nefa voa kelikely ro ho havorinao ao, safe galala rey ro handany zay. ³⁹Hanao tanim-boloboky iha sady hamboly amy rey, nefa tsy mba hino amy ty divay, ndra hamory voloboky rey aza, safe soko rey ro hihina rey. ⁴⁰Hana hazon'oliva anay ty faritaninao ao iaby iha, nefa tsy hanosotsy ty menaky amy ty vatanao, safe hazon'olivanao rey hanintsana ty voany rey. ⁴¹Hana anakilahy noho anak'ampela iha, nefa tsy hijano ho anao ndrozy, fa hanjary amy ty fahagadra any. ⁴²Hazonao iaby rey sady ty vokatsy ty taninao—galala rey ro handany

zay.⁴³ Ty vahiny ze aminao eo ro hisandratsy abo le abo anabonao; iha vatanao to hijotso ambany le ambany.

⁴⁴Hampaanambotsy anao ie, nefa iha tsy hampambotsy azy; ho lohany ie, fa iha koa ho hohiny.⁴⁵ Ozo iaby rey ro ho avy aminao noho hania sady hahatsatsy anao zisky-maharava anao. Hitsanga zay safe tsy nijanjy ty feo Yaveh Njanaharinao iha, sady tsy niemby liliny rey noho fitsipikiny ze nibekoany anao rey. ⁴⁶Ozo rey ho aminao ho fahaiza noho fahatsereha, sady ho amy ty tarihanao zisiky farany.⁴⁷ Safe iha tsy nanompo an'Yaveh Njanaharinao tan-kafalia noho fifalea ty fo lafa tanay ty fitahia ao iha, ⁴⁸noho zay ro hanompo fahavalo ze halefan-Janahary rey hanohitsy anao iha; hanompo androzy amy ty hanohana, amy ty hetaheta, am-pitandraha, sady am-pifalea iha. Hametsaky zioga vy am-bozonao eo zisky-maharava anao ie. ⁴⁹Yaveh le handay firenea hanohitsy anao baka lavitsy, baka amy ty fara ty tany any, manahaky ty voromahery mitily ho amy ty hazany, ⁵⁰firenea ze tsy azonao ty manaja ty zokin'olo sady tsy manoro sitsaky an'i tanora reo. ⁵¹Hihina ty ana ty biby fiharinao noho ty vokatsy ty taninao zisky-maharava anao ndrozy. Tsy hanenga voa ho anareo, divay vaovao, ndra solo-bonio, ty ana ty biby fiharinao ndra ty ahy ty aondry noho aosinao ndrozy, zisiky-mahafaty anao. ⁵²Hanao vava anao amy vavahady ty tanànao rey ao iaby ndrozy, zisiky-mahalavo rindrinao abo rey noho mahery iaby an-tanànao ao, rindry ze nitokisanao rey. Hanao vava anao amy ty vavahady ty tanànao iaby ao mameno ty tana iaby ze name Yaveh Njanaharinao anao ndrozy. ⁵³Hihina ty vokatsy ty vatanao avao, ty nofotsy anakilahinao noho ty an'i anak'ampelanao rey, ze namea Yaveh Njanaharinao anao iha, amy ty arokatoky noho amy ty fijalea ze hanovy fahavalonao rey eo aminao eo. ⁵⁴Ty lahilahy ze malemy noho tena malemy aminareo eo—le hialona ty rahalahiny noho ty valy malalany, sady anaky iaby nivolaniny rey ie. ⁵⁵ka tsy hanome ndra amy ty raiky amin-drozy ty nofo ty anany ze ho haniny ie, safe tsy hana ndra ino ndra ino tavela ho ahy ty vatany amy ty arokatoky noho amy ty fijalea ze hanovy fahavalonao ret aminao amy vavahady ty tanànao ao iaby rey ie. ⁵⁶Ty ampela malemy noho malemy aminao eo, ze tsy mahasaky mampipetsaky ty lelatom-bokiny amy ty tany noho ty fahalemy noho fahamomoha— le hialona ty valy malalany avao ie, ty anakilahiny, noho ty anak'ampelany, ⁵⁷sady ty anany vo teraky ze miboaky baka anivo ty tombony ao, noho anaky ze haterakiny rey. Hihina androzy milamy ie noho ty tsy fisian-draha hafa, anay ty arokatoky noho ty fijalea ze hanovy fahavalonao rey aminao amy vavahady ty tanànao ao. ⁵⁸Laha tsy miemby ty safa iaby amy lalà ze voasoratsy zao amy ty boky ao iha, sady tsy manaja anara bey voninahitsy toy noho mampatahotsy toy, Yaveh Njanaharinao, ⁵⁹le ho anovy Yaveh mandaginy ty areti-mandoza rey, ze maharitsy ela, sady arety mahery, maharitsy ela. ⁶⁰Handesiny aminao ndraiky arety i Egipta iaby ze natahoranao rey; hipitiky aminao rey. ⁶¹Ty arety noho ty areti-mandrava iaby ze tsy voasoratsy amy ty boky ty lalà toy ao avao koa, rey avao koa ro handesy Yaveh aminao zisky-maharava anao. ⁶²Engao ho kelikely isa nareo, ndra le manahaky basia ty lanitsy rey aza ty isanareo, safe tsy nijanjy ty feo Yaveh Njanaharinareo iha. ⁶³Manahaky ty nifalea Yaveh taminareo taloha any tany ty fananova ty soa ho anareo, noho tany ty fampitomboana anareo, ro hifaleany aminao amy ty famonoana anareo noho amy ty fandrava anareo. Hombota amy ty tany ze andehananao mba hanovy fanana nareo. ⁶⁴Yaveh ro hampiparitaky anao amy olo lako iaby rey eo amy ty fara ty tany raiky eny ka le zisiky amy ty farany ahafa ty tany; any iha le hanompo njanahary-hafa ze tsy hainao rey, ndra ino ndra ino razanao rey, njanahary hazo noho vato rey. ⁶⁵Amy firenea rey any ro tsy hahita fienena iha, sady tsy hisy fijanona ho an'i lelatombokinao rey; fa koa, hamea Yaveh fo tora-kevitsy, maso miondriky, sady fanahy ze malahelo any iha. ⁶⁶Hihanto amy ty ahiahy anilanao eo ty fiainanao; hatahotsy isaky-haly noho isan'andro iha sady tsy hahazo antoky ty fiainanao. ⁶⁷Amy ty maray ro hivola iha hozao: 'Iriko mba ho hariva zao!' sady amy ty hariva ro nivola iha hozao: 'Iriko mba ho marina zao!' noho ty tahotsy am-ponao ao noho raha ze ho hita masonao rey. ⁶⁸Yaveh handay anao ndraiky Egipta any amy ty sambo, amy ty lala ze nivolanikoa taminao hozao: 'Tsy hahita an'Egipta sasy iha.' Hanome ty vatanareo ho varotsy amy fahavalonareo rey any manahaky ty mpiasa lahy noho ampela nareo, nefa tsy hisy ndra ia ndra ia hivily nareo."

Chapter 29

¹Ndreto ty safa ze nibekoa Yaveh an'i Mosesy ho volany amy ty olo lakon'Israely tamy ty tany Moaba any, safa ze hanampea ty fanenkea ze nanoviny tamin-drozy ta Hereba ao.²Nikaiky i Mosesy ty olo lakon'Israely iaby ka le hoy ie tamin-drozy: "Fa hitanareo ze iaby nanovy Yaveh tamy i Farao taloha ty masonao eo tamy ty tany Egipta any, le tany mpiasany iaby rey, noho tamy ty taniny iaby---³fijalea bevata ze hita ty masonao rey, fahaiza rey, sady fahatsereha bevata rey.⁴Fa zisiky amy henanikio ro tsy nanome fo hahaiza, maso hahita, sofy hahareza ho anareo Yaveh.⁵Efapolo tao ro nandaisako anareo tan'efitsy any, tsy niala taminareo ty salotsinareo, sady tsy miala tatombonao eo ty kapanao.⁶Tsy nihina mofo nareo, tsy nino divay ndra raha-inomy mahamamo hafa, mba hahaihanareo fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo.⁷Laha niavy tamy toera toy nareo, le niboaky mba hialy amintsika, i Sihona, azy mpanjaka i Hesbona iny, noho Oga, azy mpanjaka i Basana iny, le lavontsika ndrozy.⁸Nalantsika taniny rey sady nameantsika ho lova Robenita rey, noho Gadita, sady ho ahy ty an-tsasaky ty foko i Manase zay.⁹Laha zay embeno safa ty fanenkea rey toy sady anovo zay, mba hotahy amy ze iaby hanovinareo lahy nareo.¹⁰Mitsanga nareo androany, nareo iaby, aloha Yaveh Njanaharinareo eo; benareo rey, fokonareo rey, olobenareo rey, sady manam-boninahitsinareo rey---lahilahy Israely iaby rey,¹¹aja malinikinareo rey, valinareo rey, sady ty vahiny ze aminao ao amy ty tsanonao ao, ndra ze manapaky ty hazonao zisiky amy ze mantsaka ty ronononao.¹²Niavy eto iha mba hilitry amy ty fanenkea Yaveh Njanaharinareo noho amy ty fifantà ze hanovy Yaveh aminao henanikio,¹³ka le hahavy anao ho olo lakony Ie, sady Ie ho Njanaharinarinao, manahaky ze nivolaniny taminao, noho manahaky ze nifantany tamy ty razanao, tamy i Abrahama, tamy i Isaka, sady tamy i Jakoba.¹⁴Fa tsy aminareo avao ro hananovako fanenkea noho fifantà zao---¹⁵le amy zeciaby mitsanga aloha Yaveh Njanaharintsika eo miaraky amintsika henanikio eto ---fa amy ze tsy miaraky amintsika henanikio eto rey avao koa.¹⁶Hainareo ty fomba niainantsika tamy ty tany Egipta any, sady ty fomba namakivakisantsika firenea ze nahazoanareo rey.¹⁷Fa hitanareo raha-mampangoritsin-drozy rey: le sampy hazo rey noho sampy vatony rey, volafoty noho volamena, ze tamin-drozy eo.¹⁸Engao tsy hisy aminareo eo ndra lahilahy, ndra ampela, ndra longo, ndra foko ze mivio miala amy Yaveh Njanaharintsika ty fony henanikio, ka le handeha hanompo ty njanahary ty firenea rey. Engao tsy hisy fototsy mamokatsy raha-mangily noho raha-mahafaty aminareo eo.¹⁹Ka le laha ré olo zaysafa fanozona toy rey, le hitsi-pirano ty safany am-pony ao ie ka le hanao hozao: 'Hanam-piadana zaho, ndra le mandeha manahaky ty heriloha ty foko aza.' Zay ro haharava ty lé miaraky amy ty maiky.²⁰Sady tsy hanenga azy Yaveh, fa koa, hasiakany amy lahilahy zay ty heloky Yaveh noho ty hasarota-piarony, sady ho avy aminy ty ozo iaby ze voasoratsy anay boky toy, sady ho fafa Yaveh tsy ho ambany lanitsy eo ty anarany.²¹Sady hatoka Yaveh ho ambaliky ty fokon'Isarely iaby eny amy ty loza ie, manahaky ty fanozona iaby amy ty loza ie, manahaky ty fanozona iaby amy ty fanenkea ze voasoratsy anay boky ty lalà toy.²²Ty tariha ho avy, ro ana ze hanolo anareo rey, sady ty vahiny ze baka amy ty tany lavitsy any, le hivola lafa hitan-drozy ty areti-mandrava amy tany toy noho arety ze namparary Yaveh rey zay---²³Sady lafa hitan-drozy fa niavy solifara noho sira mirehitsy ty tany iaby, ze tsy nandraraha ndra ino ndra ino ndra namoa via, ze tsy misy raha-mitiry, manahaky ty naharava an'i Sodoma noho Gomora, Adma noho Jeboima, ze nirava Yaveh tamy ty halagininy noho helokiny ---²⁴le hiarakivy-hivola amy ty firenean-kafa iaby ndrozy hozao: "Manao akory ro nanao zao tamy ty tany Yaveh? Ino ro hevitsy fireheta ty heloky bevata zao?"²⁵Sady hivola olo lako rey hozao: "Zao ro ie safe tsy nanoriky ty fanenkea Yaveh, Njanahary ty razambeny rey ndrozy, ze nanoviny tamin-drozy tamy ty nandaisany androzy niboaky ty tany Egipta,²⁶sady safe ndrozy nandeha nanompo njanahary hafa sady nandohaliky tamy andro zay, le njanahary ze tsy hain-drozy rey sady tsy nameany ho androzy.²⁷Laha zay ty helokin-Janahary le nirehitsy tamy tany toy, ka le niavy taminy eo ozo iaby ze voasoratsy tamy boky toy rey.²⁸Sady niombota Yaveh tamy ty heloky, tamy ty halaginy, sady tamy ty fahasosora bevata, tsy ho amy ty taniny ndrozy, sady nariany tamy ty tany hafa any, zisiky androany."²⁹Raha-mivony rey le an'Yaveh Njanaharintsika raiky avao; fa ty raha ambara koa ro nanovy ho antsika noho tarihantsika rey zisiky farany, mba hafahantsika manantanteraky ty safa lalà iaby toy.

Chapter 30

¹Lafa avy aminao eo raha iaby zao, fitahia rey noho ozo ze napetsako talohanao eo rey, sady lafa mahatiaro androzy iha amy firenea hafa iaby rey eo ze nandaisa Yaveh Njanaharinao anao, ²sady lafa mimpoly amy Yaveh Njanaharinao iha ka le manenky ty feony, manaraky ze iaby hibekoako anao zao— iha noho anako rey— amy ty fanovy iaby noho amy ty fanahinao iaby, ³le hanova ty fahagadranao noho hana famalozam-po aminao Yaveh Njanaharinao; himpoly ie sady hamory anao amy olo iaby ze napetsaky Yaveh Njanaharinao rey.⁴Laha misy raiky amy olonao rey nanovy sesin-tany amy toera lavitsy bibiky iny ambany lanitsy any, amy zay ro hamiria Yaveh Njanaharinarinao anao any, sady amy zay ro any handaisany anao. ⁵Yaveh Njanaharinao handay anao amy ty tany ze nanana ty razambenao, ka le hanjary fanananao ndraiky zay; hanao soa anao ie sady hampitombo anao mandilatsy noho ty nanoviny tany razambenao rey.⁶Ho savary Yaveh Njanaharinao ty fonao noho ty fo tarihanao rey, ka le tiavonao amy ty fonao iaby noho amy ty fanahinao iaby Yaveh Njanaharinao, mba ho velo iha. ⁷Yaveh Njanaharinao ro hampipetsaky ozo iaby rey amy fahavalonao rey eo noho amy malay anao rey eo. ze nania anao rey. ⁸Himpoly noho hanenky ty feo Yaveh iha, sady hanao liliny iaby ze hibekoako anao rey zao.⁹Hampety anao Yaveh Njanaharinao amy ty asa ty tananao iaby, amy ty vokatsy ty vatanao, noho amy ty vokatsy ty biby fiharinao, sady amy ty vokatsy ty taninao, ho fandrosoa; fa Yaveh hifaly aminao ndraiky noho ty fandrosoa, manahaky ty nifaleany tany babanao rey. ¹⁰Hanao zay ie laha hanenky ty feo Yaveh Njanaharinao iha, mba hiemby liliny rey noho fitsipiky ze voasoratsy tany boky ty lalà rey ao zay, laha mimpoly amy Yaveh Njanaharinao iha amy ty fonao noho fanahinao iaby.¹¹Fa lily ze hibekoako anao zao toy le tsy mahery maré aminao, ndra lavitsy maré ty hanakaranao azy. ¹²Tsy an-danitsy any zay, ka le tokony hivola iha hozao: 'Ia ro hiakatsyvan-danitsy any ho ahy tsika noho handay zay mijotso amintsika atoy sady manome fahefa antsika haharé zay, mba hananovantsika zay?'¹³Tsy amy sisin-driaky any zay, ka le tokony hivola iha hozao: 'Ia ro hanapaky ty riaky ho antsika noho handay zay amintsika sady mampaharé zay antsika, mba hananovantsika zay?' ¹⁴Fa anilanao ty safa, amy ty vavanao ao noho ty fonao, mba hafahanao manao zay.¹⁵Ingo, nanoviko talohanao eo ty fiay noho ty soa, sady ty fahafatesa noho raty amy zao. ¹⁶Laha manenky lily Yaveh Njanaharinao rey iha, ze hibekoako anao amy zao mba hotea an'Yaveh Njanaharinao, handeha amy lalany rey, sady hiemby liliny rey, fitsipikiny rey, noho lalàny rey, le ho velo noho hitombo iha, sady Yaveh Njanaharinao hitahy anao amy ty tany ze hiliranao any ho fanananao.¹⁷Fa laha mivio lala ty fonao, sady tsy mijanjy iha fa koa voasariaky lavitsy noho mandohaliky amy njanahary hafa rey sady manompo androzy, ¹⁸le ambarako anao amy zao fa ho maty iha; tsy hanalava andronareo rey nareo amy ty tany ze hitanao an'i Jordana any mba hilira noho ho fanana.¹⁹Mikaiky ty lanitsy noho tany zaho mba ho vavolombelo manohitsy anao amy zao ze fa napetsako talohanao eo le ty fiaina noho ty fahafatesa, fitahia noho ozo rey; laha zay tingino ty fiaina mba ho velo, iha noho tarihanao rey. ²⁰Anovo zay mba ho fitiava an'Yaveh Njanaharinao, mba hanenkea ty feony, sady hipitihany aminy. Safe Ie ro fiainanao noho halava andronao rey; anovo zay mba hijanjinanao amy ty tany ze niaina Yaveh tany razanmbenao rey any, tany i Abrahama, Isaka, noho i Jakoba mba hamea androzy."

Chapter 31

¹Mosesy nandeha sady nivola safy rey tany Israely iaby. ²Hoy ie tamin-drozy: "Ropolo amy zato tao zaho amy zao; tsy afaky mandeha miboaky noho militsy sasy zaho; hoy Yaveh tamiko hozo: 'Tsy hita an'i Jordana iha.' ³Yaveh Njanaharinao, le handeha aloha nao; hanimba firenea rey alohanao eo Ie, ka le ho azonao rey. Josoa, handeha alohanao eo ie, manahaky ze nivolany Yaveh. ⁴Yaveh ro hanao amy ndrozy rey manahaky ze nanoviny tany i Sihona noho Oga rey, mpanjaka Amorita rey, noho amy ty tanin-drozy rey, ze nisimabany. ⁵Yaveh ro hanome fandreseha androzy lafa mialy nareo, ka le hanao ze iaby nibekoako anareo amin-drozy nareo. ⁶Matanjaky sady mahereza soa, ka matahotsy, sady ka tena matahotsy androzy; safe Yaveh Njanaharinao, Ie ze mandeha miarakany aminao; tsy hanary anao ndra koa hahafoy anao Ie." ⁷Nikaiky an'i Josoa i Mosesy sady nivola taminy tamaso Israely iaby eo hozo: "Mahatandraha sady Mahereza soa, safe handeha hiaraky amy olo lako rey amy ty tany ze nampanantena Yaveh tany ty razan-drozy any fa hameany androzy iha; hahavy androzy handova zay iha. ⁸Yaveh, Ie ro handeha alohanao eo; hiaraky aminao Ie; Tsy hanary anao ndra hahafoy anao Ie; ka matahotsy, ka laginy." ⁹Nanoratsy lalà zay i Mosesy sady nanome zay an'i mpisoro rey, ana i Levy rey, ze nanday ty fiondrana ty fanenkea i Yaveh rey; nanome dika mitovy amy zay an'i olo ben'Isarely iaby rey avao koa ie. ¹⁰Nibeko androzy Mosesy sady nivola hozo: "Isaky ty fara ty fito tao, amy ty fotoa voatondro amy ty fandravà tsosa rey, anay ty Fifalefalea ty Fialofa, ¹¹lafa niavy hiboaky anila Yaveh Njanaharinao eo amy ty toera ze tingininy eo ho fipetsahany masy ty Israely iaby, le hamaky lalà io aloha an'Israely an'Israely iaby an-tsofin-drozy eo iha. ¹²Avorio Tyler olo, ty lahilahy, ty ampela, ty aja, sady ty vahininao ze amy ty vavahady ty tanànao ao, mba ho afaky haharè noho hianatsy ndrozy, sady mba ho afaky hanome voninahitsy an'Yaveh Njanaharinareo noho hiemby ty safy iaby amy lalà io ndrozy. ¹³Anovo zay mba ho afaky haharè noho hianatsy hanome voninahitsy an'Yaveh Njanaharinareo, ty anan-drozy, ze tsy mahay, laha mbo mipetsaky amy ty tany ze hitànareo ao ho a-Jordana any ho fanananareo nareo. ¹⁴Hoy Yaveh tany i Mosesy hozo: "Ingo, ho avy ty andro ze tsy maintsy hafatesanao; kaiho Josoa sady manome vata amy ty lay fitojeha ao, mba hafahako manome beko azy." Le nandeha Mosesy noho Josoa sady nanome ty vatan-drozy tany ty lay fitojeha ao. ¹⁵Niboaky tany ty lay tany ty andry raho ao Yaveh; ty andrin-draho nitsanga tany ty varavara ty lay eo. ¹⁶Hoy Yaveh tany i Mosesy: "Ingo, hiaraky-hiroro amy razanao rey iha; olo lako io ro hitsanga ka and hanao manahaky ty mpaheriloha manoriky njanahary hafa ze amin-drozy eo amy ty tany ze handehanan-drozy ao. Hahafoy Ahy ndrozy sady handrava ty fanenkeko ze nanoviko tamin-drozy. ¹⁷Sady, amy andro io, le hirehitsy amin-drozy ty heloko sady hiala androzy Zaho. Hamony ty tarehiko amin-drozy Zaho ka le ho rava ndrozy. Arety lako noho koronta ro ho hitan-drozy mba hivola manahaky zao ndrozy amy andro io hozo: 'Tsy niavy anivontsika eto va arety rey safe tsy anivontsika eto ty Njanaharintsika?' ¹⁸Hamony ty tarehiko amin-drozy vatany Zaho amy andro io noho ty raty iaby ze nanovin-drozy, safe hitoliky tany tany njanahary hafa rey ndrozy. ¹⁹Amy zao sady le saroty ho ahy ty vatanareo hira toy sady ampianaro ty olo lakon'Israely zay. Anovo am-bavan-drozy ao zay, ka le mety ho fitsangana vavolombelo ho Ahy amy olo lakon'Israely rey hira zay. ²⁰Safe lafa handay androzy amy ty tany ze nampanantenako hamea razamben-drozy any Zaho, tany ze nihinana ka le vintsy noho afa-po ndrozy, le hitoliky amy njanahary hafa rey any noho hanompo androzy sady hanao tsy misy dikany Ahy noho handrava ty fanenkeko. ²¹Lafa niavy anivo olo lako io eo ty raty noho ty koronta lako, le ho vavolombelo anilan-drozy eo hira io (safe tsy ho halino ambava ty tarihan-drozy rey eo). Safe haiko ty tetikasa ze foronin-drozy amy zao, ndra le nandesiko tany ty tany ze nampanantenako androzy any aza rozy." ²²Laha zay le nanoratsy hira io tany andro io avao i Mosesy sady nampianatsy zay an'i olo lakon'Israely rey. ²³Nanome lily an'i Josoa anakilahy i Nona Yaveh nanao hozo: "Matanjaha sady mahereza soa; safe iha ro handay ty olo lakon'Israely amy ty tany ze nampanantenako androzy ao, sady hiaraky aminao Zaho." ²⁴Zao ro naboaky lafa nahavita nanoratsy safy ty lalà rey tanany boky ao i Mosesy, ²⁵fa hibeko an'i Levita ze manday ty fiondra ty fanenkea Yaveh rey ie, manao hozo: ²⁶"Rambeso boky ty lalà toy sady apetsaho anila ty fiondra ty fanenkea Yaveh Njanaharinareo eo, mba hanahaky ty vavolombelo manohitsy anao eo zay. ²⁷Safe haiko ty fiharoanareo noho ty fahampaherezan-dohanareo; ingo, laha mbo velo miarakany aminareo zaho androany, le mpiharo manohitsy an'Yaveh nareo; vo sadraky fa lafa maty zaho?" ²⁸Avorio amiko eto olo-be ty fokonareo rey iaby, noho manam-boninahitsy rey, mba hafahako mivola safy rey an-tsofin-drozy eo noho mikaiky ty lanitsy noho ty tany ho vavolombelo manohitsy androzy. ²⁹Safe haiko fa afara ty hahafatesako nareo le hamitaky ty vatanareo vatany ka le hiala amy ty lala ze nibekoako anareo; ho baka aminareo ty arety amy ty andro manarakany zay. Hiboaky zay safe hanao ze raty amaso Yaveh eo nareo, ze hahavy Azy ho meloky amy asa ty tananareo rey." ³⁰Le nivolany i Mosesy tan-tsofy olo lakon'Israely iaby rey eo ty tonon-kira zay zisiky mahatampitsy azy.

Chapter 32

¹Mifanojiky, lanitsy, sady engao zaho hivola. Engao ty tany hotojiky ty safa ty vavako. ²Engao ty fampianarako hilatsaky manahaky ty ranon'ora, engao ty safa halahatsiko hioraky manahaky ty andro, hanahaky ty ora matify amy ty akata-maintso, noho hanahaky ty oram-bey amy ty raha-mitiry. ³Fa hanambara ty anara Yaveh zaho, sady hanenky ty habevata ty Njanaharintsika. Lafiam-bato iny, tanteraky ty asany; fa marina iaby ty lalany iaby. ⁴Ie azy Njanahary matoky iny, ze tsy misy heloky. Marina noho mahity Ie. ⁵Nanao raty nanohitsy azy rozy. Tsy mba anany ndrozy. Fanalam-baraka ho androzy zay. Tariha simba toetsy noho meloky ndrozy. ⁶Zay va ro fomba hamalianao fitea an'i Yaveh, olo lako adala noho tsy nisy say? Tsy babanao va ie, azy raiky ze nahary anao iny? Nanao noho namboatsy anao Ie. ⁷Ampolio an-tsainao ao ty andro ty fotoa taloha, saino ty tao lako fa lasa. Anontaneo ty babanao sady le hatorony anao, ty olo-benao sady le ho vonanin-drozy aminao rey. ⁸Tamy ty nanomeza Azy Abo Bibiky iny ty firenea ty lovan-drozy rey---tamy ty nizarany ty olombelo iaby, sady ty nametsahany ty faritany ty olo lako, sady ty nampimpolia ty isaky ty njanahariny avao koa rey. ⁹Fa ty anjara Yaveh ro olo lakony Jakoba rey ro zara lovany. ¹⁰Hitany tamy ty tany efitsy any ie, noho tamy ty tany efitsy lao any noho tsy mamokatsy; niaro noho nikarakara azy Ie, niemby azy manahaky ty voamasony Ie. ¹¹Manahaky ty voromahery ze miemby ty tsanoniny noho mitilitily anabo ty anany rey eo, namelatsy ty elatsiny Yaveh sady nangalaky androzy, sady nandesiny tanabo ty elatsiny eny ndrozy. ¹²Yaveh raiky ro nitariky azy; tsy nisy njanahary-hafa niaraky taminy. ¹³Nampandeha azy tamy ty toera abo ty tany eny Ie, sady namaha azy ty vokatsy ty baibo; namelo azy tamy ty tantely baka amy ty lafiam-bato ie, sady menaky tamy ty harambato afovato. ¹⁴Nihina hero-droznono baka amy ty aomby noho nino ronono baka amy ty aondry noho aosy ie, niaraky tamy ty menaky ty anak'aondry, aondry lahy ty Basana noho ty aosy lahy, niaraky tamy ty varim-bazaha soa bibike---sady nino divay mitaboroboro baka amy ty ranom-boloboky iha. ¹⁵Fa nihanatavy Jesorona ka le nitimoky--- nihanatavy iha, tena natavy maré iha, sady nihina ze nahavintsy anao--- nahafoy an-Janahary ze nanao azy ie, sady tsy nenkeny ty Lafiam-bato ty famonjea. ¹⁶Nalany ze nampasiaky an'Yaveh tamy ty njanaharin-kafa ndrozy rey; tamy ty raha-tivatiany rey ro nampahameloky azy. ¹⁷Nanao soro tamy ty demonia ndrozy, ze tsy Njanahary--- njanahary ze tsy hain-drozy, njanahary ze vo niboaky, njanahary ze tsy natahora ty razambenareo. ¹⁸Nanovinao avao ty lafiam-bato, ze fa nanjary babanao, sady nihalinao Njanahary ze niteraky anao iny. ¹⁹Hita Yaveh zay ka le nahafoy ndrozy, safe nivola Azy ty anakilahiny noho ampela. ²⁰Hoy Ie hozao: "Hamony ty tarehiko amin-drozy Zaho," "sady ho hitako eo ze hiafaran-drozy; fa tariha mpivaliky ndrozy, ana ze tsy matoky. ²¹Nanao ze nampeloky Ahy tamy ze tsy njanahary ndrozy sady nampeloky ahy tamy ty raha-tsy misy rey. Zaho hampialona androzy amy ze tsy olo lako; hampeloky androzy amy ty firenea adala Zaho. ²²Fa nirehitsy toy afo noho ty helokiko sady mandoro zisiky amy ty fiay-tsy hita any ambany bibiky; mandrava ty tany noho ty olo lako aminy ao zay; mampirehitsy fototsy ty vohitsy rey zay. ²³Hampivangongo loza amin-drozy eo Zaho; Hanehitsy androzy amy ty ana-kititsiko iaby Zaho; ²⁴maty ty hakeré ndrozy sady ho rava ty hafana mafana noho fandrava mafaitsy; Halefako ho amin-drozy eo koa ty hy ty bibi-ly, miaraky amy ty poizy ty biby milaly amy ty lemboky. ²⁵Hampijaly ambaliky ty meso-bey any, sady hanao manahaky zay koa ty fangorohoroa amy ty efitsy firoroa ao. Handrava ty tovolahy noho ty aja kelikely zay, ty aja minono, sady ty lahilahy foty volo. ²⁶Fa nivolaniko fa hampiparitaky androzy lavitsy Zaho, sady hajanoko tsy ho amy ty olombelo eo ty fahatiarova androzy. ²⁷Laha tsy nohobty fatahorako ty fivola ty fahavalo, noho ty tsy hitsara ty fahavalony rey androzy diso, ka le hivolananao-drozy hozao: 'Misondrotsy ty nananay,' le nanoviko iaby iaby rey. ²⁸Fa firenea tsy hahitam-pahendrea Israely, sady tsy misy fahazavan-tsany aminy ao. ²⁹Fe, laha mba hendry ndrozy, ka le afaky mahatakatsy zay, ka le afaky mandiniky ze hoafarany! ³⁰Anovy ty aiky manao akory ty hania arivo raiky, ndra ty roe hampilay ray aly, laha tsy ty Lafiam-bato ro fa namarotsy azy, sady Yaveh ro fa nahafoe androzy? ³¹Fa ty lafiam-bato ty fahavalontsika rey ro tsy mitovy amy ty Lafiam-batontsika, manahaky ze fa eke ty fahavalontsika. ³²Fa ty voloboky ro baka amy ty voloboky i Sodoma, sady baka amy ty baibo i Gomora rey; voloboky misy poizy ty volobokiny; sady mangily sampany rey. ³³Poizy ty menara ty divain-drozy sady poizi-mandozabey ty menara. ³⁴Tsy fikasa tsy hita nihajariko va zay, fa nisiasa tam-po tan-tsano fipetsahan-drakitsiko ao? ³⁵Ahy ty famalia, noho ty fampanodiha, amy ty fotoa hahavozaky ty tombon-drozy; fa mariny ty andro hahitan-drozy loza, sady hitsanga malaky raha voatondro ho androzy rey. ³⁶Safe Yaveh ro hanome rariny ty olony, sady hamalo fo amy mpiasany rey Ie. Ho hitany fa tsy manan-kery ndrozy, sady tsy nisy tafajano, ndra andevo ndra ty olo afaky rey. ³⁷Le hivola Ie hozao: "aia njanahariny rey, ty lafiam-bato ze nialofan-drozy? --- ³⁸Njanahary ze nihina ty vondraky ty soro nanoviny rey noho nino ty divaimpanomeza ailin-drozy rey? Engao ndrozy hitsanga ka le hanampy anareo; engao ndrozy ho fionareo. ³⁹Hentao amy zao fa Zaho, ro Zaho, avao le Njanahary, sady tsy misy njanahary hafa-tsy Zaho; Zaho ro mahafaty, sady Zaho ro mahavelo; Zaho ro mandratsy, sady Zaho ro manafaky, sady tsy misy hafa afaky hamonjy anao amy ty heriko.

⁴⁰Eka mandratsy ty tanako ho amy ty lanitsy Zaho sady mivola hozao: 'Safe velo zisiky farany Zaho, le hiasa.⁴¹Lafa mandranitsy ty meso-bey mipiriaky Zaho, sady lafa manomboky manday ty rariny ty tanako, le hamaly fahavaloko rey Zaho, sady hovaliko ze nalay Ahy rey.⁴²Hanoviko mamon-dio ty anaky kititsiko, sady ty meso-beko hihina nofotsy miaraky amy ty lio vita vono rey noho gadra rey, sady le zisiky amy ty loha ty mpitariky ty fahavalo rey."⁴³Mifaleafalea, nareo firenea, miaraky amy ty olo lakon-Janahary, fa hamaly ty lio ty mpiasany Ie; hamaly faty fahavalony rey Ie, fa hanao fanavota ho ahy ty taniny Ie, ke ho ahy ty olony.⁴⁴Sady niavy Mosesy ka le nanisaky ty safa iaby fihira zay tan-tsofy ty olo lako rey eo, ie, noho Hosea anakilahy i Nona. ⁴⁵Sady tampitsy voahisaky i Mosesy tamy Israely iaby safa iaby zay.⁴⁶Sady hoy Ie tamin-drozy: 'Afantoho an-tsainareo ao safa iaby ze nitsanganako vavolombelo taminareo nandroany rey, mba hibekoanareo ty ananareo hiemby raha zay, ty safa iaby ty lala toy. ⁴⁷Fa tsy raha-tsy misy ho anareo zay, safe fiainanareo, fa amy raha zay ro hahalava ty andronao amy tany ze hanapahanao a-Jordana ho fanananao iny."⁴⁸Niresaky tamy i Mosesy Yaveh tamy andro io avao ka le nivola hozao: ⁴⁹"Mandehana miakatsy amy ty vohitsy i Abarima rey, mialatsy zisiky am-bohitsy Nebo any, ze amy ty tany i Moaba any, tandrify i Jeriko any. Hijilo ty tany Kanana, ze hameako anak'Israely rey ho fananany iha.⁵⁰Ho maty amy ty vohitsy ze hiakaranao eo iha, sady ho voavory amy ty olo lakonao eo, manahaky ty nahafaty i Arona Israelita namanao tam-bohitsy Hora any ka le nahavy tamy ty olo lakony eo. ⁵¹Zay ro hiboaky safe iha ro tsy natoky Ahy tanila ty olo lakon'Israely rey eo tamy ty rano i Meriba any ta Kadesy any, tambaliky i Zina any; safe iha tsy nanday Ahy tamy ty voninahitsy noho tamy ty fanaja tanila ty olo lakon'Israely rey eo. ⁵²Fa ho hitanao alohanao eo ty tany, nefa tsy handeha any iha, amy ty tany zechameako ty olo lakon'Israely any."

Chapter 33

¹Zao ro tsipi-rano nanovy i Mosesy lahilahin-Janahary tamy ty olo lakon'Israely taloha ty nahafaty azy. ²Hoy ie hozao: Baka Sinay ao Yaveh sady niboaky baka ta Seira ao tanabon-drozy eo. Nipiriaky baka am-bohitsy Paranao ao Ie, sady niavy niaraky tamy ty anjely masy ray aly rey. Helatsy ro tan-tanany havana eo. ³Eka, tea ty olo lako rey Ie, anjeliny masy iaby rey ro an-tananao eo iaby, sady mandohaliky an-tombonao el ndrozy; nandramby ty safanao ndrozy. ⁴Nibeko lalà raiky ho antsika i Mosesy, le lova raiky ho ahy ty egilizy i Jakoba⁵Le nisy mpanjaka ta Jesorona ao, lafa nivory ty olo bey ty olo lako rey, ty foko i Israely iaby miaraky. ⁶Engao ho velo Robena ka le tsy ho maty, nefa ho vintsy lahy olony rey.⁷Zao ro tsipi-rano ho an'i Joda. Hoy Mosesy hozao: Janjino, Yaveh, ty feo i Joda, ka le andeso amy ty olony eo ndraiky ie. Mialia ho azy; meteza ho fanampia manohitsy an'i fahavalony rey. ⁸Mikasiky an'i Levy koa, le hoy Mosesy hozao: Ty Tomimanao noho ty Orimanao le ahy ty olona tsy mivaliky, le ze nihenteanao toetsy ta Masa ao, ze nifamaliana tamy ty rano i Meriba ao.⁹Lahilahy ze nivola mikasiky ty babany iny noho ty reniny hozao: "Tsy nahita androzy zaho." Tsy nanenky ndra ro rahalahiny rey aza, sady tsy nidinihiny anany rey. Fa niemby ty safanao ie, ka le nitandraky ty fanenkeanao.¹⁰Nampianatsy an'i Jakoba ty lilinao Ie sady Israely ty lalánao. Hampipetsaky lintan-kazo manitsy alohanao eo ie noho ty fanomeza oroa iaby anabo ty alitaranao eo.¹¹Tahio, Yaveh, hananany rey, sady enkeo ty asa ty tanany. Torotoro ty valaha ze mitsanga hanohitsy azy, noho ty ahy ty olo ze mahay azy rey, mba tsy ho tafatsanga ndraiky ndrozy.¹²Ty amy i Benjamina, le hoy Mosesy hozao: Azy mahay Yaveh iny ro miroro zisiky farany anilany eo; Yaveh ro miaro azy zisiky farany, sady mipetsaky anivo ty sandry Yaveh eo ie.¹³Ty amy i Josefa, le hoy Mosesy hozao: Hotahy Yaveh amy ty raha-soa ty lanitsy rey lahy ty taniny, le amy ty ando, sady amy ty rano laliky ze mamitsaka ambany.¹⁴Ho tahie amy ty raha-soa ze vokatsy ty masoandro rey lahy ty taniny, amy ty raha-soa vokatsy ty vola rey, ¹⁵amy ty raha soa bibiky rey ty vohitsy fahagola rey, sady amy ty raha-soa ty vohitsy ela zisiky farany rey.¹⁶Ho tahie amy ty raha-soa ty tany reh noho ze hananany lahy ty taniny, sady amy ty sitsa-po soa Ie ze tamy ty voaroy ao iny. Engao ty fitahia ho andoha i Josefa eo, sady ho anabo loha azy mpanjaka eo iny tamy ty rahalahiny rey eo.¹⁷Ty velohan-teraky ty aomby, ro bey voninahitsy ie, sady ty tsifany reg ro tsifan'aombimanga. Amy zay ro handisananao ty olony, ie iaby, zisiky amy fara ty tany any. Rey ro an'alinaly i Efraima; rey ro an'arivorivo i Manase.¹⁸Ty amy i Zebolona, le hoy Mosesy hozao: Mifalea, Zebolona, amy ze handehananao, sady iha, Isakara, an-dainao ao. ¹⁹Hikaiky olo lakob rey ho am-bohitsy any ndrozy. Any ro haneteran-drozy fanojezam-pahamarina. Fa ndrozy hitsoky hananan-driaky rey, noho baka amy ty fasiky amoron-driaky eo.²⁰Ty amy i Gada le hoy Mosesy hozao: Ho tahie ze manitatsy an'i Gada, hipetsaky manahaky ty lio ampela any ie, le hanimbasinga sadry ndra loha eny ie.²¹Nangalaky ty soa bibiky ho ahy ty vatany ie, fa tany ro nanokana ty zara-tany ty mpitariky. Niavy niaraky amy ty bey ty olo lako ie. Nitanterahany niaraky amy Israely ty fahamarina Yaveh mbamy ty liliny rey.²²Ty amy i Dana, le hoasa Mosesy hozao: i Dana ro ana-liona ze avy baka a-Basana any.²³Ty amy i Naftaly, le hoy Mosesy hozao: i Naftaly, vintsy fankasitsaha, sady atsiky ty fitahia Yaveh, mandovà ty tany zisiky andrefa noho antimo any.²⁴Ty amy i Asera, le hoy Yaveh hozao: Ho tahie mandilatsy noho ty anakilahy hafa iaby lahy Asera; engao ho hankasitsahy ty rahalahiny rey ie, sady engao ie hampitsoboky ty tombony anay menaky oliva. ²⁵Ho vy noho saba lahy ty hily ty tanànananao; manahaky ty halava ty andronao rey, ro ho halakoa ty filaminanao.²⁶Jesorona—mahity iny, tsy misy manahaky an-Janahary, ze miondra ty lanitsy mba hamonjy anao, sady amy ty raho eny amy ty fipetsahany.²⁷Azy Njanahary zisiky farany iny le fialofa, sady sandry zisiky farany rey ro alohanao eo Ie, ka le manao hozao: "Aravao!"²⁸Miroro zisiky farany Israely. Azo antoky ty loharano i Jakoba amy ty tany misy vary ao noho divay vaoavao; eka, engao ty lanitsy handatsaky ando aminy eo.²⁹Lako fitahianao rey, Israely! Ia ro manahaky anao, le firenea voasarombaky Yaveh, fiaro ty famonjeanao iny, sady meso-bey ty voninahitsinao? Ho avy hangitikitiky alohanao eo ty fahavalonao; le hirahinao ty fipetsahany abo rey.

Chapter 34

¹Le niakatsy baka amy ty tany mando i Moaba any nana anabo i Pisga any, ze tandrify i Jeriko i Mosesy. Tany Yaveh ro nanoro taminy ty tany i Gileada iaby ka le zisiky a-Dana,² noho Naftaly iaby, sady ty tany i Efraima noho Manasy, noho ty tany i Joda iaby, mana amy ty riaky andrefa any,³ noho Negeva any, sady ty tany mando ty loham-baibo i Jeriko, ty tanà ty Rofia, ka le zisiky a-Zora any.⁴Hoy Yaveh taminy hozao: "Toy ty tany ze nifantako tany i Abrahama, Isaka, noho Jakoba, nanao hozao: 'Hameako ty tarihanareo toy.' Nengako hanenty zay tany ty masonareo nareo, fe tsy handeha any." ⁵Sady le maty tany ty tany i Moaba ao i Mosesy, manahaky ty safa nampanantena Yaveh. ⁶Nalevy Yaveh tany ty loham-baibo ao amy ty tany i Moaba manandrify an'i Beti-peora ao ie, fa tsy nisy nahay ze misy ty lolony zisiky amy zao.⁷Ropolo zato amby tao i Mosesy tany ie maty; tsy jiky ty masonry, ndra nihena ty hery voajanahariny. ⁸Nisao an'i Mosesy tany ty tany mando i Moaba any tanay ty telopolo andro ty olo lakon'Israely, bakeo tampitsy ty andro fisaona an'i Mosesy.⁹Atsiky ty fanahy ty fahendrea i Josoa anakilahy i Nona, safe nametsa-tana taminy Mosesy. Nijan'ny azy ty olo lakon'Israely sady nanao ze nibekoa Yaveh an'i Mosesy.¹⁰Tsy nisy to-resaky manahaky an'i Mosesy mihintsy ta Israely ao, ze hay Yaveh nifaraky taminy. ¹¹Tsy mbo nisy to-resaky manahaky azy tany famantara noho hatsereha iaby ze naniraha i Yaveh azy mba hanovy amy ty tany Egipta rey any, amy Farao any, noho mpiasany iaby rey, sady amy ty taniny iaby any. ¹²Tsy mbo nisy to-resaky manahaky azy amy ty asa bevata iaby noho mampatahotsy ze nanovy i Mosesy tamaso Israely iaby eo.

Joshua

Chapter 1

¹Sady tafara ty nahafaty i Mosesy mpiasa Yaveh, le niresaky tany i Josoa anaky i Nona Yaveh, bey ty mpanampi i Mosesy, nivola hozao:² "Mosesy, azy mpiasako iny, ro fa maty. Amy zao sady, mitsangana, mitandraky Jordana toy, iha noho ty olo lako toy, ho amy azy tany ze hameako androzy any—le ho olo lakon'Israely rey. ³Fa nameako anao toera iaby ze handeha ty tombonareo rey. Fa nameako anareo zay, manahaky ty fa nampanantenako an'i Mosesy. ⁴Zisiky am-baliky ty tany noho Libanona any, noho renirano bevata, ty Eofrata, ty tany ty Hetita iaby, ka le zisiky amy ty Riaky Bevata any, ze hilentiky ty masoandro, le ho taninareo. ⁵Tsy hisy olo ho afaky-mitsanga alohanao eo amy androm-piainanao. Hitahy anao Zaho manahaky ty nombako an'i Mosesy. Tsy hanary anao Zaho ndra hiala anao. ⁶Mahereza noho matanjaha. Fa iha ro hampandova olo lako toy ty tany ze fa nampanantenako razanao rey fa hameako androzy. ⁷Mahereza noho matanjaha. Miembena mba hanenky ty lalà iaby ze nibekoa i Mosesy mpiasako. Ka miala amy zay ndra ho amy ty ankavia ndra ho amy ty ankavana, mba ho mety iha ndra aia ndra aia andehananao. ⁸Hivola mikasiky boky ty lalà toy zisiky farany iha. Hisaintsay andro noho haly amy zay iha mba hafahanao manenky ze iaby voasoratsy amy zay ao. Le ho tahiny noho ho mety iha. ⁹Moa va tsy nibeko anao Zaho? Mahereza noho matanjaha! Ka matahotsy. Ka laginy. Yaveh Njanaharinao ro hitahy anao ndra aia ndra aia andehananao." ¹⁰Niavy Josoa nibeko azy mpitariky ty olo lako iny hozao: ¹¹"Mandehana mamakivaky ty toby sady mibekoa olo lako rey hozao: 'Manoma vatsy ho ahy ty vatanareo. Afaky herin'andro le hanapaky an'i Jordana toy nareo sady handeha any ka le hangalaky tany ze amea Yaveh Njanaharinareo ho fanana." ¹²Ho ahy Robenita rey, Gadita noho ty antsasaky ty foko i Mosesy rey, le hoy i Josoa hozao: ¹³"Anovo an-tany ty safa ze nibekoa i Mosesy mpiasa Yaveh anareo lafa nivola ie hozao: 'Yaveh Njanaharinareo ro fa nanome fijanona, sady ameanany anareo tany zay." ¹⁴Ty valinareo, aja malinikinareo rey, noho biby fiharinareo rey ro hipetsaky amy ty tany ze namea i Mosesy anareo rey ambaliky i Jordana any. Fa lahilahy mpialinareo rey ro handeha hiaraky amy rahalahinareo rey any sady hanampy androzy ¹⁵zisiky-hanameza Yaveh fijanona ho ahy rahalahinareo rey manahaky ty fa nanomezany zay nareo. Sady ndrozy ro hangalaky ho fanana ty tany ze namea Yaveh Njanaharinareo androzy. Bakeo le himpoly amy ty taninareo any nareo sady hangalaky zay ho fanana, azy tany ze namea i Mosesy mpiasa Yaveh anareo iny am-baliky i Jordana any, ze hiboaha ty masoandro." ¹⁶Bakeo ndrozy namaly an'i Josoa, nanao hozao: "Iaby ze nibekoa ao anay rey le hanovinay, sady ndra aia ndra aia anirahanao anay le handehanany. ¹⁷Hanenky anao zahay manahaky ty nanenkeanay an'i Mosesy. ¹⁸Ndra ia ndra ia miharo lilinao rey noho tsy nanenky safanao rey le vonoe ho maty. Mahereza sady manàna herim-po avao."

Chapter 2

¹Le Josoa anakilahy i Nona naniraky rie lahy milamy baka Sitima any manahaky ty mpijilo. Hoy ie hozo: "Mandehana, henteo ty tany, sandraky fa Jeriko." Le nandeha androzy sady niavy tan-tsano ty mpivarom-bata raiky ao kaihe hoe Rahaba, ro nipetsaky tao ndrozy. ²Nivolany tany ty mpanjaka i Jeriko hozo: "Ingo, niavy eto ty lahilahin'Israely mba hijilo ty tany." ³Le nandefa hafatsy tany i Rahaba mpanjaka i Jeriko iny sady nanao hozo: "Andeso miboaky lahilahy ze niavy taminao eo noho nilitsy tan-tsanonao ao rey, safe niavy mba hijilo ty tany raiky iaby ndrozy." ⁴Fa nala ampela lahilahy roe rey ka le navoniny. Namaly ie hozo: "Eka, niavy tamiko teto lahilahy rey, fe tsy nahay ze niavian-drozy zaho." ⁵Nandeha rozy lafa niavy ty hariva, tany ty fotoa nihilia ty vavahady ty tanà. Tsy haiko ze nandesin-drozy. Mety ho tsatsinao ndrozy laha manoriky malaky androzy iha. ⁶Nefa nampiakariny tan-tafon-tsano so rozy sady navoniny tany taho-jamalany ao ze fa nivelariny tany azy tafo-tsano iny eo. ⁷Ka le nania androzy tan-dala eny mana amy ty lakan-drano ty Jordana lahilahy rey. Vo tafa-boaky mpania rey le nihily ty vavahady. ⁸Tsy mbo niroro lahilahy ty haly rey, Lara niavy niakatsy tamin-drozy ao tan-tafo-tsano ao ampela iny. ⁹Hoy ie hozo: "Haiko fa namea Yaveh anareo ty tany sady niavy taminay teto ty tahotsy anareo. Halemy anilanareo eo iaby mpipetsaky amy ty tany eto." ¹⁰Renay ty fomba nana maiky Yaveh ahy azy Riaky Mena iny ho ahy nareo lafa niboaky baka Egypta ao nareo. Renay avao koa ty nanovinareo tany mpanjaka ty Emorita roe rey tany sisiny i Jordana eny—le Sihona noho Oga—ze naravanareo tanteraky. ¹¹Vatany vo renay zay, le nahavoa ty fonay sady tsy nisy herim-po tavela tamin'ia ndra ia—fa Yaveh Njanaharinareo, ro Njanahary an-danotsy anabo any noho am-bany tany etoy. ¹²Amy zay sady, mba fantao amiko amy ty alala Yaveh lahy, halemy fanahy amy ty longom-babako nareo, manahaky ty hasoam-panahiko taminareo avao. Ameo fahaiza azo antoky zaho ¹³fa hamalozako fo amy ty ay ty babako, ty reniko, anadahiko rey, anabaviko, noho ty longony iaby nareo, sady hanavotsy anay amy ty fahafatesa. ¹⁴Le hoy ty lahilahy taminy hozo: "Ho takalo amy ty ainay, ndra le ho amy ty fahafatesa aza! Laha tsy miresaky mikasiky ty raharahanay iha, le ho atsiky famalozam-po noho nahatoky anareo zahay lafa amea Yaveh anay tany toy." ¹⁵Le nanenga androzy hijotso hiboaky tany ty lafonety eo tany ty fampiasa taly ie. Namboary tany ty vala tanà iny eo tsano ze nipetsahany. ¹⁶Hoy ie tamin-drozy hozo: "Mandehana amy ty vohitsy eny sady nivonao laha tsy zay ho hita mpania rey nareo. Mivonia anay ty telo andro any zisiky-himpolia mpania rey. Bakeo le tohizo ty lalanareo." ¹⁷Hoy lahilahy rey taminy hozo: "Tsy ho voafehy amy ty fampanantena azy fifanta ze nanovinao nifantanay iny zahay, lana hohatsy ka le tsy manao zao iha. ¹⁸Lafa avy amy ty tany eto zahay, le tsy maintsy fehezinao an-dafonety eo taly mena ze hampijotsoa anay toy, sady havorinao an-tsano ato ty babanao noho ty reninao, anadahinao rey, noho ty babanao iaby. ¹⁹Ndra ia ndra ia miboaky ty varavara ty tsanonao ho an-dala eny, le ho an-dohan-drozy manoka eo ty liony sady tsy ho meloky amy ze iaby miaraky aminao eo an-tsano ato, le ho an-dohanay eo ty liony. ²⁰Fa laha miresaky mikasiky ty raharahanay iha, le ho afaky amy azy fifanta ze nampifantanao anay iny zahay." ²¹Le namaly Rahaba hozo: "Hanovy lahy ze voalazanareo." Nalefany ndrozy ka le nandeha. Bakeo namehy taly mena iny tan-dafonety eo ie. ²²Nandeha ie sady nandeha niakatsy tany ty vohitsy any ka le nijano teny tanay ty telo andro zisiky-impolia mpanian-drozy rey. Nila nameno ty lala iaby mpania rey sady tsy nahita ndra ino ndra ino. ²³Le nimpoly lahilahy roe rey sady nanapaky ka le tafampoly tany i Josoa anaky i Nona any, le nivolanin-drozy taminy ty raha iaby ze nitsanga tamin-drozy. ²⁴Hoy ndrozy tany i Josoa hozo: "Fa namea Yaveh antsika vatany tany io. Malemy iaby olo mipetsaky iaby amy azy tany iny ao noho ty amintsika."

Chapter 3

¹Nifoha marai-ndray i Josoa, sady le niala ta Sitima ao ndrozy. Nana Jordana any ndrozy, ie noho olo lakon'Israely iaby rey, sady nipetsaky taloha ty nandehanany eo.²Afaky telo andro, manam-pahefa rey le nandeha tanivo ty toby eo; ³nibeko ty olo ndrozy hozao: "Lafa mahita ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh Njanaharinareo nareo, noho mpisoro rey baka amy Levita rey milanja zay, le engao hiala toera toy nareo ka le hanoriky zay. ⁴Engao hisy elanela roa arivo hakiho aminareo eo noho zay. Ka manenky zay, mba hafahanareo mahita ty lala andahana, safe mbo tsy nandeha tamy lala io nareo taloha."⁵Hoy Josoa tamy ty olo lako hozao: "Hamasino ty vatanareo hamaray, fa hanao hatsereha aminareo eo Yaveh. " ⁶Sady hoy Josoa tamy mpisoro rey hozao: "Andeso ty fiondrana ty fifanenkea, sady mandalova aloha ty olo eo." Ka le nandramby ty fiondrana ty fifanenkea ndrozy sady nandeha taloha ty olo eo.⁷oy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Henanikizao le hanoviko lahilahy mahery amaso ty Israely iaby eo iha. ⁸Hahaiza ndrozy fa manahaky ty nitahiako an'i Mosesy, ro hitahiako anao. Iha ro hibeko mpisoro ze milanja ty fiondrana ty fifanenkea rey hozao: 'Lafa niavy amy sisiny rano i Jordana eny nareo, le engao hienny amy ty Renirano ty Jordana eo.'"Ke hoy Josoa tamy ty olon'Israely hozao: "Mandehana atoy, sady janjino safa Yaveh Njanaharinareo zao. ¹⁰Amy ty alala toy ro hahazanareo fa ty Njanahary valo ro aminareo eo sady handroaky Kananita rey, Hetita rey, Hivita rey, Perizita rey, Girgasit rey, Amorita rey sady Jebosita tsy ho alohanareo rey. ¹¹Ingo! ty fiondrana ty fifanenkea ty Tompo ty tany iaby mandeha alohanareo eo ho a-Jardana ao."¹²Amy zao mitingina olo folo roa amby baka amy ty fokon'isarely, lahilahy raiky baka amy ty kirai-draiky. ¹³Lafa mikasiky ty rano i Jordana ty lela-tomboky mpisoro ze manday ty fiondrana Yaveh rey, Tompo ty tany iaby, le ho tapaky ty renirano Jordana, sady ndra ty rano ze mirotsaky baka anabo any aza le hijano hivory raiky."¹⁴Ka le lafa niala mba handeha a-Joradana any olo rey, le nandeha taloha olo rey eo mpisoro ze nilanja ty fiondrana ty fifanenkea rey. ¹⁵Lafa vo niavy ta Jordana eo ze nilanja ty fiondrana rey, sady niroboky tamy sisiny ty rano eo ty tombon-drozy (sady ty rano i Jordanale tondraky zisiky amy ty sisiny eny iaby anay ty fotoam-pambolea), ¹⁶ty rano ze nirotsaky nijotso baka anabo any ro nijano ka le nivory raiky. Nijano baka lavitsy le lavitsy eny ty firotsaha ty rano. Nijano nirotsaky baka Adama any, tanà ze anila i Zaretana iny, zisiky amy ty lala nijotso nana amy ty riaky i Negeva any, Riaky Sira iny, ty rano. Nandeha nanariny an'i Jeriko ty olo lako.¹⁷Mpisoro ze nanday ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh rey ro nijano tamy ty tany maiky eo tanivo ty Jordana eo zisiky-handehana ty olon'Israely iaby tamy ty tany maiky eo.

Chapter 4

¹Lafa avy a-Jordana any ty olo iaby, le nivola tamy i Josoa Yaveh Hozao: ²"Mitingina lahilahy folo roa amby amy olo lako rey iha, lahilahy raiky iaby isaky ty foko." ³Ameo androzy lily toy: 'Mangalà vato folo roa amby baka anivo Jordana ao ze itsangana mpisoro rey amy tany maiky rey eo, sady andeso manoriky anareo zay sady apetsaho amy toera ze hirononareo androany haly eo.'" ⁴Sady nikaihy i Josoa lahilahy folo roa amby ze fa nitinginy ta, y fokon'isarely eo rey, raiky isaky ty foko. ⁵Hoy Josoa tamin-drozy hozao: "Mandehana aloha ty fiondrana Yaveh Njanaharinareo anivo Jordana ao. Hilanja vato amy ty sorokiny eny iaby nareo kirai-draiky, manahaky ty hisa foko ty olo lakon'Israely rey." ⁶Zay ro fahaiza aminareo lafa hanontany anareo ty anakinareo rey amy androzy ho avy rey hozao: 'Ino ro dika vato aminareo rey?' ⁷Sady hoy nareo amin-drozy hozao: 'Nivaký tanila ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh eo ty rano ty Jordana. Lafa niala tamy i Jordana eo zay, le vaky ty rano Jordana. Ka le ho fahatiarova zisiky farany ho ahy ty olo lakon'Israely vato rey.'" ⁸Ty olo lakon'Israely ro nanao manahaky ze nibekoa i Josoa azy, ka le nangalaky vato folo roa amby anivo Jordana eo ndrozy, manahaky ty nivolany Yaveh i Josoa. Nampiakaran-drozy manahaky ty hisa fokon'isarely rey ty hisa vato rey. Nilanjan-drozy niaraky tamin-drozy vato rey, nana amy ty toera ze nipetsahan-drozy any sady napetsany tambany eo. ⁹Bakeo Josoa nametsaky vato folo roa amby tanivo ty Renirano Jordana eo, tamy toera ze nitsanga ty tomboky mpisoro ze nanday ty fiondrana ty fifanenkea rey eo. Any fahatiarova zay zisiky amy zao. ¹⁰Mpisoro ze nilanja ty fiondrana rey ro nitsanga tanivo Jordana eo zisiky-hahavita ty raha iaby nibekoa Yaveh ho volany i Josoa tamy olo lako rey, manahaky iaby fa nibekoa i Mosesy an'i Josoa. Nandehana malaky olo lako rey. ¹¹Lafa tampitsy nandeha iaby ty olo, le nandeha tanivo olo lako eo ty fiondrana Yaveh noho mpisoro rey. ¹²ty foko i Robena, ty foko i Gada, sady ty antsasaky ty foko i Manase ro nandalo aloha ty nilahara olo lakon'Israely rey manahaky ty maramila, manahaky ty nivolany i Mosesy tamin-drozy. ¹³Lahilahy voaoma hialy vatany ho efatsy arivo ro nandalo taloha Yaveh eo, mba hialy amy ty tany mando i Jeriko any. ¹⁴Tamy andro io le nanovin-Janahary bevata tamaso ty olo lakon'Israely eo iaby i Josoa. Nanome voninahitsy azy rozy--manahaky ty nanomezan-drozy voninahitsy an'i Mosesy--tanay ty andro-iainany. ¹⁵Sady niresaky tamy i Josoa Yaveh hozao: ¹⁶"Ameo beko mpisoro ze nilanja ty fiondrana ty vavolombelo rey mba hiala baka Jordana ao." ¹⁷Ka le nanome beko mpisoro i Josoa rey hozao: "Miboaha a-Jordana ao." ¹⁸Lafa niboaky baka anivo Jordana ao mpisoro nilanja fiondrana fifanenkea Yaveh rey iny, sady niakatsy tamy ty tany mafana eny ty lelatombokin-drozy, le nimpoly tamy ty toerany sady nandilatsy ty soniny ty rano Jordana, manahaky ty tany ty efatsy andro aloha. ¹⁹Niboaky baka Jordana ao olo lako rey tamy ty abdro faha folo vola velohany. Nijano ta Gilgala so ndrozy, antinana i Jeriko. ²⁰Vato folo roa amby ze nalan-drozy rey baka a-Jordana ao, le napetsaky i Josoa ta Gilgala ao. ²¹Hoy ie tamy olo lakon'Israely rey hozao: "Lafa manontany ty babany rey ty tarihanareo amy ty fotoa ho avy hozao: 'Ino vato reo?' ²²Volano ty razanareo hozao: 'Teo ro nandehana i Israely ahy Jordana tamy ty tany mafana.'" ²³Natanany Yaveh Njanaharinareo ho ahy nareo ty renirano Jordana, zisiky-handehananareo, manahaky ty nanovy Yaveh Njanaharinareo tamy Riaky Mena iny, ze nataniny ho antsika zisiky-handehanantsika, ²⁴mba hahazina ty olo iaby an-tany eto fa mahery ty tana Yaveh, sady mba hanomezanareo voninahitsy an'Yaveh Njanaharinareo zisiky farany."

Chapter 5

¹Vatany vo ré mpanjaka i Amorita iaby rey tany ty ilany antinana i Jordana any, noho mpanjaka i Kananita iaby rey, ze namorona ty sisiny ty Riaky Bevata, fa Yaveh ro fa nampiritsy ty rano Jordana zisiky handehana ty olo lakon'Israely, le nangonotsy ty fon-drozy, sady tsy nisy fanahy sasy tamin-drozy ao noho olo lakon'Israely rey.

²Tamy fotoa zay le hoy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Manamboara meso maranitsy sady savaro indraky avao lahilahin'Israely iaby rey." ³Sady Josoa namboatsy meso maranitsy ka le nanavatsy lahilahin'Israely iaby rey ta Gilgata Haralota ao. ⁴Zao ro dikany nanambara i Josoa androzy: ty lahilahy iaby ze niboaky Egypta any, anay zay lahilahy mpialy iaby rey, le maty an-dala tanefitsy any, tafara ty niboahan-drozy baka Egypta any. ⁵Ndra le vita savatsy aza ty lahilahy iaby ze niboaky Egypta any, le mbo tsy nisy tamy aja lahilahy teraky an-dala rey tambaliky any niboaky Egypta any ro vita savatsy. ⁶Fa olo lakon'Israely rey ro nandeha efapolo tao tambaliky any zisiky-mahafaty olo lako iaby rey, zay hoe, ty lahilahy mpialy iaby ze niboaky Egypta any, ro maty, safe tsy nanenky ty feo Yaveh ndrozy. Nifanta tamin-drozy Yaveh fa tsy hanenga androzy hahita ty tany ze nifantany tamy ty razamben-drozy fa hameany androzy, le tany tondran-dronono noho tantely. ⁷Ty anan-drozy ro natsanga Yaveh tamy toeran-drozy ze nanavara i Josoa eo, safe tsy vita savatsy tan-dala eny ndrozy. ⁸Lafa vita savatsy iaby rozy iaby, le nijano tamy ze niperany ao ndrozy zisiky-mahafakan-drozy. ⁹Sady hoy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Androany ro fa nalako taminareo ty fanalam-baraka i Egypta Zaho." Ka le ty anara toera zay le nikaihe hoe Gilgala zisiky androany. ¹⁰Nipetsaky ta Gilgala ao ty olo lako. ¹¹Nihaharin-drozy ho ahy ty hariva ty faha folo efatsy amby andro ty vola Paska, tamy ty lonaky i Jeriko eo. ¹²Nihina ty ilany tamy ty vokatsy ty tany ndrozy tafara ty Paska: mofo tsy masira, sady vary vita endy. ¹³Nijano tamy ty andro tafara ty nihinanan-drozy ty vokatsy ty tany ty mana. Tsy nisy mana ho ahy ty olo lakon'Israely sasy, fa nihina ty vokatsy ty tany Kanana ndrozy tamy tao zay. ¹⁴Lafa tanila i Jeriko eo i Josoa, le nanondrotsy ty masony sady nanenty, sady ingo, nisy lahilahy raiky nitsanga talohany eo; napotany ty meso beny sady tan-tanany eny zay. Nenkeko aminy i Josoa sady nivola hozao: "Mitahy anay iha sa mitahy ty fahavalonay?" ¹⁵Hoy ie: "Aha. Safe mpibeko ty tafiky Yaveh zaho. Avy zaho amy zao." Sady Josoa narohaliky family ty tany mba hanompo sady nivola taminy hozao: "Ino ro volany ty tompoko amy ty mpiasany?" ¹⁶Ty mpibeko ty tafiky Yaveh nivola tamy i Josoa hozao: "Alao amy ty tombonao ty kapanao, safe ty toera ze itsangananao ro masy." Le zay ro nanovy i Josoa

Chapter 6

¹Sady nihily iaby ty filira iaby nana Jeriko ao noho ty tafiky Israely. Tsy nisy niboaky sady tsy nisy nilitsy tao. ²Hoy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Ingo, fa namea tan-tananao eo Jeriko, ty mpanjakany, sady maramila voaomany rey. ³Enga anie iha hanao liabey miodidy ty tanà, ty lahilahy mpialy ro mandeha miodidy ty tanà indraiky. Enga anie zay anay ty enin'andro iha. ⁴Mpisoro fito ro handay trompetra fito vita amy ty tsifan'aosy aloha ty fiondra eo. Amy ty andro fahafito ro tsy maintsy manao liabey miodidy ty tanà im-pito nareo, sady tsy maintsy milay maré ty trompetra mpisoro rey. ⁵Bakeo le tsy maintsy mampitoro trompetra lavareny amy ty tsifan'aosy ndrozy, ka le lafa maharé ty feo trompetra iha le tsy maintsy mihorakoraky amy ty koraky maré ty olo lako iaby, sady hirobaky ty vala ty tanà. Tsy maintsy hanafiky maramila rey, sady hahity any ty hitiny iaby ty kirai-draiky. ⁶"Sady nikaiky mpisoro rey i Josoa anaky i Nona ka le nivola tamin-drozy hozao: "Andeso ty fiondrana ty fifanenkea, sady engao hisy mpisoro fito handay trompetra tsifan'aosy fito ho aloha ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh eo." ⁷Hoy ie tamy olo lako rey hozao: "Mandehana sady mananova liabey miodidy ty tanà, sady handeha aloha ty fiondrana Yaveh eo lahilahy mitandraky-fialia rey." ⁸Manahaky ze nivolany i Josoa tamy ty olo lako, le nanday trompetra tsifan'aosy fito tanila Yaveh eo mpisoro fito rey. Laha nandeha ndrozy, le nilay ty trompetra. Nanoriky androzy baka afara ao ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh. ⁹Nisy lahilahy mitandraky-fialy nandeha taloha mpisoro rey eo, sady nilay ty trompetrany ndrozy, fa nandeha niakatsy baka afaran-drozy ao koa mpiemby ty afaran-dala rey, sady nilay ty trompetran-drozy zisiky any mpisoro rey. ¹⁰Fa Josoa nibeko olo lako rey, nanao hozao: "Ka mikoraky. Engao tsy hisy feo hiboaky amy ty vavanareo zisiky-hiavia ty andro ivolanako aminareo mba hikoraky. Amy zay avao nareo vo hikoraky." ¹¹Ka le nanovy nandeha niodidy ty tanà indraiky avao ty fiondrana Yaveh tamy andro io. Sady le nilitsy ty tobiny ndrozy, le nipetsaky tan-toby ao tanay ty haliky. ¹²Le nifoha marain-drai-bey, sady nala mpisoro rey ty fiondrana Yaveh. ¹³Nandeha maré sady niala ty trompetra mpisoro fito rey, ze nanday trompetra fito tsifan'aosy rey taloha ty fiondrana Yaveh. Nisy maramila mitandraky-fialia nandeha talohan-drozy eo. Fa lafa nandeha baka fara ty fiondrana Yaveh ao mpiemby afa-lala rey, le nampiboaky feo tsy maré trompetra rey. Nanao liabey niodidy ty tanà indraiky avao ndrozy tamy ty andro faharoe sady nimpoly tan-toby any. ¹⁴Nanao zay tanay ty enin'andro ndrozy. ¹⁵Tamy andro faha fito ro nialan-drozy vo marain-dray bibiky, sady nanao liabey niodidy ty tanà manahaky ty fomban-drozy avao ndrozy, fa im-pito tamy indraiky mandalo toy. Tamy andro io ro nananovan-drozy liabey niodidy ty tanà. ¹⁶Tamy andro faha fito, tamy mpisoro niala rey trompetra tsifan'aosy rey, ro nibekoa i Josoa olo lako rey hozao: "Mikorakoraky! Fa namea Yaveh anareo ty tanà. ¹⁷Natoka ho an'Yaveh ho fandrava ty tanà noho ze iaby aminy ao. Rahaba mpamarom-bata raiky avao ro ho velo---ie noho iaby miarakany aminy an-tsanony ao rey--- safe namony lahilahy nirahintsika rey ie. ¹⁸Ty aminao koa, miembena amy ty fangala raha voatoka rey ho ahy ty fandrava, mba tsy hangalaky ndra ino ndra o amy zay iha, lafa baka nasianao famantara ho rava zay. Laha manao zay iha, le hahavy ty tobin'Israely ho raha tsy maintsy ho rava ka le handay fikorontana amy zay. ¹⁹Volafoty rey, volamena, sady raha iaby vita amy ty saba noho vy rey ro voatoka ho an'Yaveh. Tsy maintsy halefa amy ty fipetsahan-drakitsy Yaveh any rey." ²⁰Lafa niala ty trompetra ndrozy, le nikorakoraky maré ty olo lako sady nirobaky ty vala, hondy ka le nandeha nilitsy ty olo iaby sady nanasazy ty tanà. ²¹Naravan-drozy tamy ty lela-meso-bey tanteraky ze iaby tamy tanà iny zao--- ty lahilahy noho ampela, ty tanora noho antitsy, ty aomby, ty aondry sady boriky rey. ²²Bakeo le hoy Josoa tamy lahilahy roe nitsikilo tamy tany iny rey ao hozao: "Mandehana an-tsano azy mpamarom-bata iny any. Andeso miboaky ampela noho iaby miarakany aminy rey iny, manahaky ty nifantanareo taming." ²³Ka le nilitsy sady nanday an'i Rahaba niboaky pamaraky roe lahy mpitsikilo rey. Nandesin-drozy niboaky ty babany, ty reniny, anadahiny rey, sady longony ze niarakany taminy rey. ²⁴Nandesin-drozy tamy ty toera raiky ambaliky ty tombin'Israely any ndrozy. Nioroan-drozy ty tanà noho ze iaby taminy ao. Ty volafoty, volamena, sady fitaova vita amy ty saba noho vy rey avao ro nanovy tanay ty fipetsahan-drakitsy ao ty tsano Yaveh. ²⁵Fa nengà i Josoa ho velo i Rahaba mpamarom-bata, ty longom-babany, sady iaby niarakany taminy rey. Mipetsaha a-Israely any zisiky-androany ie safe namony lahilahy ze nirahy i Josoa hitsikilo rey ta Jeriko ao. ²⁶Sady tamy fotoa zay ro nibekoa androzy tamy ty fifanta i Josoa, sady nivola hozao: "Voahozo amaso Yaveh eo lahy ze olo mampimpoly mamboatsy tanà toy, le i Jeriko. Amy ty ay ty anakilahiny velohany ro hampipetsahany fototsy, sady amy ty ay ty anakilahiny rany ro hampitsangana ty vavahadiny." ²⁷Ka le mitahy an'i Josoa Yaveh, sady niparitaky nameno ty tany ty lazany.

Chapter 7

¹Fa ty olo lakon'Israely tsy nahatoky aloha raha natoka ho amy ty fandravà rey. Hangala anakilahy i Karmy noho zafy i Zibdia sady zafy i Zera, baka amy ty fokoa i Joda le nangalakyraha tamy ze natokako amy ty fandravà ao, ka le nirehitsy tamy ty olo lakon'Israely ty helokin-Janahary.²Josoa ro nandefa lahilahy baka Jeriko ao nana Ay any, ze anila i Bety Avena, antinana i Betela. Hoy ie tamin-drozy hozao: "Miakara ka le nitsiko ty tanà." Ka le niakatsy lahilahy rey sady nitsiko ta Ay ao.³Lafa nimpoly tamy i Josoa eo ndrozy, le hoy ndrozy taminy hozao: "Ka aoefa miakatsy Ay any ty olo lako iaby. Lahilahy roa arivo ndra telo arivo avao halefa hanafiky an'i Ay. Ka manavozaky ty olo lako iaby amy ty aly any, safe tsy ampy hisaky ndrozy."⁴Ka le tokony tamy ty lahilahy telo arivo eo ro niakatsy baka amy tafiky rey, fa niala ty lahilahy i Ay ndrozy.⁵Lahilahy i Ay rey ro nahafaty tamy ty telopolo enin'amby lahilahy teo lafa nania androzy zisiky amy ty vavahady ty tanà eny le zisiky amy ty toera fanoroa vato eny, sady nivonon-drozy safa am-pijotsoa ty vohitsy rey eny. Natahotsy ty fo olo lako rey ka le niala tamin-drozy ty herim-pony.⁶Bakeo le nijiaty i Josoa ty salotsiny. Ie noho olo ben'Isarely rey le nanisy lemboky ty lohan-drozy sady nampiondriky ty tarehin-drozy tamy ty tany eotaloha ty fiondrana Yaveh eo, nijano teo zisiky-hariva.⁷Le nivola Josoa hozao: "Eh, Yaveh Tompo, manao akory ro nandesinao nitea an'i Jordana olo lako rey? Mba hanome anay an-tana Amorita rey eo mba haharava anay va? Laha mba nana fanapahan-kevitsy sambiha famoa zahay le nijano tamy sisiny i Jordana eny!"⁸Tompo e, ino ro azoko volany, fa niamboho tanila ty fahavalon-drozy eo Israely?⁹Safe Kananita rey noho olo mipetsaky amy ty tany iaby rey le haharé ty mikasiky zay. Hiodidy anay ndrozy sady hanalino ty anaranany amy ty olo ty tany. Ka le ino ro hanovinao ho ahy ty anaranao bevata?"¹⁰Hoy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Mitsangana! Nanino iha ro manohoky ty tarehiny eo?"¹¹Nanota Israely. Nandika ty fanenkeko ze nibekoako azy ndrozy. Fa nangalatsy ty ilany tamy raha ze voatoka rey ndrozy. Fa nangalatsy rozy sady bakeo koa le namony ty otany tamy ty fametsaha ze fa nalan-drozy rey ho hisa ty fananany manoka.¹²Vokatsy zay, tsy afaky nitsanga tanila fahavalon-drozy rey eo ty olo lakon'Israely. Niamboho ty fahavalony ndrozy safe fa natoka ho amy ty fampitiroa ty vatan-drozy. Tsy hiaraky aminareo sady Zaho laha tsy mamotiky ty raha ze tokony nitoroe nareo, nefa mbo aminareo eo.¹³Mitsangana! Hamasino Amiko ty olo sady volano ndrozy hizao: 'Hamasino ho ahy ty hamaray ty vatanareo. Safe Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny nanao hozao: "Misy raha ze natoka hobtotoe mbo aminareo eo, Israely. Tsy afaky mitsanga hanohitsy fahavalonareo nareo rey laha tsy mangalaky aminareo eo raha iaby ze natoka ho toroe rey."¹⁴Amy maray, le tsy maintsy manome ty vatanareo amy ty fokoanareo nareo. Ty fokoa ze nitinginy Yaveh le hanenky ty longon-drozy iaby. Ty longo iaby ze nitinginy Yaveh le tsy maintsy manariny ty hisan-tokatsano. Ty toka-tsano ze nitinginy Yaveh ro tsy maintsy mifanariny kirai-draiky.¹⁵Sady azy raiky ze nitinginy noho mana raha ze natoka ho amy ty fanoro rey iny, le horoa, ie noho ze hananany iaby, safe nandika ty fanenkea Yaveh ie sady safe nanao raha manala-baraka ta Israely ao."¹⁶Laha zay, nifoha maray Josoa sady nanday an'Israely nanariny, isam-poko, sady voatingy ty fokoa i Joda.¹⁷Nandesiny i Josoa nanariny fokoa i Joda rey, sady voatingy ty fokoa i Zeraita. Nandesiny nanariny isan'olo ty fokoa i Zeraita, sady voatingy i Zabdia.¹⁸Nandesiny nanariny ty longo i Zabdia, nandeha kirai-draiky isan'olo, sady Akana anakilahy i Karmy, zafy i Zabdia, zafikely i Zera, baka amy ty fokoa i Joda, ro voatingy.¹⁹Sady hoy Josoa tamy i Akana hozao: "Anakilahiko e, volano anila Yaveh eo, Njanaharin'Israely iny ty marina, sady ameo Azy ty fiain-kelokinao. Mba volano ahy lahy ze nanovinao. Ka le avonio amiko zay."²⁰Namaly an'i Josoa i Akana hozao: "Marina vatany, fa nanota tamy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny zaho. Zao ro nanoviko: ²¹Lafa nahita salotsy lava soa tarehy tamy raha tea rey eo baka Babylona ao, noho volafoty roanjato sekely, sady anjam-bolamena milanja dimampolo sekely zaho, le nitiry rey ka le nangalaky rey. Anivo ty laiko ao anay tany rey ao ro namonia, sady ambany zay ao zay volafoty iny."²²Nandefa hiaraky i Josoa, ze nilay nana amy ty lay any sady tao raha rey. Lafa nanenty ndrozy, le nahita ze navony tamy ty lainy manoka ao, sady ty volafoty tambany zay eo.²³Nalan-drozy tanivo ty lay rey eo raha rey sady nandesin-drozy tamy i Josoa any noho olo lakon'Israely iaby rey. Narorakin-drozytanila Yaveh eo zay.²⁴Bakeo Josoa, noho ty Israely iaby niarakany taminy, nangalaky an'i Akana anakilahy i Zera, noho ty volafoty, ty salotsy lava, ty anjam-bolamena, anakilahiny noho anak'ampela rey, Aombiny rey, sady ze iaby nananany, ka le nandesiny niakatsy tamy ty vohitsy i Akora any ndrozy.²⁵Le hoy i Josoa hozao: "Nanino ro nampilitsi-loza anay iha? Hampilitsy-loza anao Yaveh henanio." Nitoraky-vato azy ty Israely iaby. Sady nitorahan-drozy vato ty sisa sady nandoro androzy tamy ty afo.²⁶Nampitsanga antontam-bato bevata tanabony eo ndrozy ze mbo eo zisijy-androany. Nijano tamy ty helokiny mirehitsy Yaveh. Laha zay ro nikaiha ty anara toera io hoe Vohitsy i Akora sisky amy henany zao.

Chapter 8

¹Hoy Yaveh tamy i Josoa: "Ka le matahotsy; ka kivy. Andeso miaraky aminao ty olo lako mpialy iaby. Mandehana miakatsy Ay any. Ingo, fa namea am-pelan-tananao eo ty mpanjaka ty taniny. ²Anovy manahaky ty nananovanareo ahy ty Jeriko noho ty mpanjakany ro hananovanareo ahy ty Ay noho ty mpanjakany, fe halanareo ho anareo ty gadra noho ty biby fihary. Ametsaho mpanafiky mivony ambaliky ty tanà ao." ³Ka le nitsanga i Josoa sady nangalaky ahy lahilahy mpialy iaby rey hiakatsy ho Ay any. Bakeo i Josoa nitingy lahilahy telo aly--- lahilahy mahery bey herim-po---sady nalefany ndrozy ty haly. ⁴Nibeko androzy hozao: "Ingo, hanao fanafiha mivony ty tanà nareo, ambaliky zay ao. Ka le manalavitsy ty tanà, fa samby mivonona anareo iaby. ⁵Zaho noho lahilahy miaraky amiko le hanahaky ty tanà rey, sady lafa miboaky hanafiky antsika ndrozy, le hilay rozy manahaky ty taloha eo tsika. ⁶Hania baka afarantsika ao ndrozy zisiky-pitarintsika androzy lavitsy ty tanà. Hivola ndrozy hozao: 'Milay lavitsy antsika ndrozy manahaky ty nanovin-drozy tamy ty farany.' Ka le hilay hanalavitsy androzy tsika. ⁷Bakeo le hiboaky amy ty toeram-pierenareo nareo, sady hanasazy ty tanà. Hanome zay am-pelan-tananareo eny Yaveh Njanaharinareo. ⁸Lafa azonareo ty tanà, le horoanareo zay. Hanovinareo xay lafa manenky ty lily ze namea tamy ty safa Yaveh. Ingo, fa nibeko anareo zaho." ⁹Nalefa i Josoa ndrozy, ka le nandeha tamy ty toeram-pivonia any ndrozy, sady nivony tanila i Betela eo noho Ay tandrefa i Ay ao. Fa niroro tamy ty olo lako i Josoa eo lafa haly. ¹⁰Nifoha maray i Josoa ka le nanoma maramilany rey, Josoa noho olo ben'Isarely rey, ka le nanafiky olo lako i Ay rey ndrozy. ¹¹Niakatsy lahilahy mpialy iaby ze niaraky taminy rey ka le namonjy ty tanà. Niavy nanariny ty tanà ndrozy sady nipetsaky tavaratsy i Ay eo. Sady nisy lohambaibo raiky ro manelanela androzy noho Ay. ¹²Nangalaky lahilahy tamy ty dima arivo eo teo ie sady nandefa androzy tamy fifanenkea andrefa ty tanà iny eo anelanela ty Betela noho Ay. ¹³Nalahatsin-drozy ty maramila iaby, ty tafiky bevata nana avaratsy ty tanà ao, sady ty mpiemby afara-lala tandrefa ty tanà ao. Nandeha tamy ty loham-baibo i Josoa ao lafa haly. ¹⁴Sady laha vo nahita an'i zay ty mpanjaka i Ay, le nifoha maray ie noho ty tafiky sady niboaky mba hanafiky an'Israely tamy ty toera tandrify ty loham-baibo ty Renirano i Jordana any. Tsy fantany fa nisy fandriky nandiny hanafiky baka ambaliky ty tanà ao ie, ¹⁵Nanenga ty vatan-drozy ho resy talohan-drozy eo i Josoa noho ty Israely iaby, sady nilay tamy ty tany efitsy any ndrozy. ¹⁶Ty olo iaby ze tan-tanà ao ro nifampikaiky hania androzy, ka le nania tafara i Josoa ndrozy ka le voaroaky lavitsy ty tanà. ¹⁷Tsy nisy ty ambany ty lahilahy ta Ay any noho Betela ze tsy mbo niboaky nania an'Israely. Niala ty tanà ndrozy sady nanenga zay hivoha laha nania an'Israely. ¹⁸Hoy Yaveh tamy i Josoa hozao: "Atondrò amy i Ay eo ty lefo ze an-tananao eo, fa hameako am-pelan-tananao eo i Ay." Nitandraha i Josoa nanandrify ty tanà lefo ze tan-tanà ny eny iny. ¹⁹Maramila nivony tamy ty fandriky so rey ro niborafotsy malaky niboaky ty toerany laha nanampatsy ty tanany ie. Nilay ndrozy sady nilitsy tan-tanà ao sady nangalaky zay. nioroan-drozy malaky ty tanà. ²⁰Nitoliky olo i Ay rey sady nanenty. Nahita setsoky baka an-tanà ao ndrozy ze niakatsy nana amy ty lanitsy any, sady tsy afaky nilay ndrozy ndra teroy ndra toroa. Fa maramila Israely ze nilay tan-tany efitsy any rey ro nimpoly hiakatsy olo ze nanenjiky androzy rey. ²¹Lafa hita i Josoa noho Israely iaby fa azo tafiky tsy hita ty tanà niaraky tamy ty setsoky miakatsy rey, le nimpoly teo ndrozy sady namono ty olo i Ay. ²²Maramila Israely hafa rey, ze niboaky ty tanà rey, le niboaky hanafiky androzy. Ka le tsatsy tanila ty tafik'Israely rey olo i Ay rey, ty ilany baka andaniny ao sady ty ilany baka anilany ao. Nitaftihin'Israely ty olo i Ay; tsy nisy ndra raiky tamin-drozy velo ndra nilay. ²³Nalan-drozy ty mpanjaka i Ay, ze nisamborin-drozy velo, sady nandesin-drozy tamy i Josoa eo ie. ²⁴Lafa nahavita namono olo mipetsaky Ay iaby rey tam-baibo anila tany efitsy ze nanenjehan-drozy azy any Israely rey, lafa lavo tamy ty lela-meso bey ie iaby, zisiky amy ty farany bibiky, le nimpoly ta Ay any ty Israely iaby. Nitaftihin-drozy tamy ty lela-meso bey zay. ²⁵Iaby ze maty tamy andro io rey, lahilahy noho ampela miharo, le roa arivo noho ray aly, ze olo lako iaby ta Ay ao. ²⁶Tsy nampihemotsy ty tanany ze nanampatsy lafa nitandraky lefony iny i Josoa, zisiky-mpandravany tanteraky ty olo lako iaby ta Ay ao. ²⁷Ty biby fihary noho ty raha gadra tan-tanà ao avao ro nalan'Israely ho androzy, manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Josoa. ²⁸Nioroa i Josoa i Ay sady navalikiny ho tsano lako rava zisiky farany zay. Nanjary toera taloha zay zisiky amy zao. ²⁹Nahantony tamy ty hazo ty mpanjaka i Ay eo zisiky hiavia. Lafa nilentiky ty masoandro, le nanome ty lily i Josoa ka le nalan-drozy hijotso amy ty hazo ty faty ty mpanjaka sady natorakin-drozy taloha ty vavahady ty tanà eo. Teo ro nananganan-drozy vato-lako bevata tambony zay eo. Mba mipetsaha eo vato-lako zay zisiky amy zao. ³⁰Bakeo i Josoa namboatsy alitara ho ahy Yaveh, Azy Njanaharin'Israely iny, tam-bohitsy i Ebalà ao, ³¹manahaky ty nibekoa i Mosesy mpiasa Yaveh ty olo i Israely, manahaky ty fa voasoratsy tamy ty boky ty lalà i Mosesy ao hozao: "Alitara raiky ho ahy ty vato voavoatsy, ze tsy nisy ndra ia ndra ia nampiasa fitaova vy tamy zay." Nanome soro oroa ho an'Yaveh tambony alitara eo ie, sady nanao sorom-mpilongoa ndrozy. ³²Teo, tanila ty olo lakon'Israely eo, le nanoratsy ty dika mitovy tamy ty lalà i Mosesy tamy ty vato eo ie. ³³Israely iaby rey, olo-bey rey, manam-pahefa rey, noho mpitsaran-drozy rey ro nitsanga tamy ty lafy azy fiondrana roe iny eo taloha

mpisoro rey noho Levita ze nanday ty fiondrana ty fifanenkea Yaveh eo---ty vahiny manahaky ty tompon-tany---le nitsanga taloha ty vohitsy i Gerzima eo ty antsasakin-drozy sady nitsanga taloha ty vohitsy i Ebala eo ty antsasakiny raiky hafa. Nitsi-pirano ty olo lako an'Israely ndrozy, manahaly ty nibekoa i Mosesy mpiasa Yaveh androzy tamby velohany.³⁴Tafara zay, le niboaky i Josoa rey tamby ty lalà iaby, fitahia rey noho ozo, manahaky ze fa voasoratsin-drozy amy ty boky ty lalà ao. ³⁵Tsy nisy ndra safa raiky aza tsy naboaky i Josoa tamby nibekoa i Mosesy rey tanila ty goropin-drozy eo, anisa zay ampela rey, aja kelikely, sady vahiny ze nipetsaky tamin-drozy rey.

Chapter 9

¹Sady mpanjaka iaby ze niay tamy sisy Jordana rey any tamy ty tany vohitsy, noho tamy mando amoron-driaky ty Riaky Bevata tandrify i Libanona rey---Hitita rey, Amorita, Kananita, Perizita, Hivita, sady Jebosita rey---²lenitovy hevitsy ho ambany fifeheza raiky rey, mba hananga aly amy i Josoa noho Israely.³Lafa ré olo mpipetsaky i Gibeona ze nanovy i Josoa rey tamy i Jeriko noho tamy i Ay,⁴le nanao tetiky an-kafetsea ndrozy. Nandeha ho raiky ndrozy. Nanday kitapo raiky ndrozy sady nahantony tamy ty borikin-drozy zay. Nanday sihoa holitsy ze raiky, rsioky, noho fa namboary avao koa ndrozy.⁵Kapa raiky noho nitampy ro tambohitsin-drozy eny, sady nisiky fa ela, fisikina raiky. Mofo iaby tamy ty fipetsaham-batdin-drozy rey le kina noho tomakoly.⁶Le nandeha tamy ty i Josoa any tan-tabany any ta Gilgala any ndrozy nivola taminy noho tamy lahilahin'Israely rey hozao: "Fa nandeha baka amy ty firenea tena lavitsy any zahay, ka le amy zao mananova fifanenkea aminay."⁷Hoy lahilahin'Israely rey tamy Hivita rey hozao: "Vasa nareo olo mipetsaky anila nay avao. Hanovinay manao akory ty hanao fifanenkea aminareo?"⁸Hoy ndrozy tamy i Josoa: "Mpiasanao zahay." Josoa namaly androzy hozao: "Fa ia nareo? Baka aia ro niavianareo?"⁹Hoy ndrozy taminy: "Niavy baka tamy ty tany tena lavitsy any mpiasanao rey, noho ty anara Yaveh Njanaharinareo. Renay th tatitsy mikasiky Azy noho mikasiky ze iaby nanoviny ta Egypta any---¹⁰sady ze iaby tamy mpanjaka ty Amorita roe rey tamy sisy Jordana any---tamy i Sihona mpanjaka i Hesbona, noho tamy i Oga mpanjaka i Basana ze ta Astarta any."¹¹Hoy olo beinay rey noho olo mipetsaky iaby tamy ty fireneanay taminay reh hozao: "Mandaisa vatsy an-tananareo eny ho amy ty lia. Mandehana mamonjy amin-drozy sady volano ndrozy hozao: "Mpiasanareo zahay. Mananova fifanenkea aminay."¹²Toy ty mofonay, mba nafana toy tamy zahay nangalaky azy tan-tsanonay tamy ty andro nialanay handeha aminareo atoy. Nefa zao, ingo, maiky noho tomakoly toy.¹³Kifapo holitsy reto ro vaovao tamy ty nanatsehanay androzy, le ingo, mitete ndrozy amy zao. Fisikinany rey kapanay rey le simba noho ty lia tena lavitsy."¹⁴Le nangalaky ilany tamy ty vatsiny Israelita rey, nefa tsy nangalaky tamy Yaveh ndrozy ho fitariha.¹⁵Josoa nilongo tamin-drozy noho nanao fifanenkea tamin-drozy, mba hanengà androzy ho velo. Mpitariky ty olo lako rey avao koa ro nanao vava tamin-drozy.¹⁶Telo andro tafara ty nananova Israelita rey fifanenkea zay tamin-drozy, le hain-drozy fa hay mpifanolorindry ndrozy sady nipetsaky nifanariny teo.¹⁷Bakeo le niala ty olo lakon'Israely safy niavy tamy ty tanàn-drozy any tamy ty andro fahatelo. Ty tanàn-drozy ro Gibeona, Kefira, Berota, sady Jearima.¹⁸Tsy nanafiky androzy ty olo lakon'Israely safe mpitariky androzy rey ro fa nanao fifantà mikasiky azy tanila Yaveh eo, Njanaharin'Israely. Nimenimeny Israelita iaby rey mpitariky androzy rey.¹⁹Ka le hoy mpitariky iaby rey tamy ty olo lako iaby: "Nanao fufantà mikasiky androzy tamy Yaveh, Njanaharin'Israely zahay, sady tsy afaky hanao raty androzy tsika amy zao."²⁰Zao ro hanovintsika amin-drozy: Mba hialà amy ty heloky ze mety hihazo amintsika noho ty fifantà nifantantsika tamin-drozy, le engantsika."²¹Hoy mpitariky rey tany ty olo lakon-drozy: "Engao ndrozy ho velo." Laha zay, Gibeonita rey le nanjary mpanapaky hazo noho mpantsaka rano ho ahy Israelita iaby rey, manahaky ze nivolany mpitariky mikasiky androzy rey.²²Nikaiky androzy Josoa Ka le nivola hozao: "Nanino iha ro namitaky anay laha nivola hozao: 'Tena lavitsy anareo zahay,' nefa nareo mipetsaky aminay eto?"²³Amy zao, laha zay, le voazo nareo sady ty ilany aminareo ro ho andevo avao, ze manapaky hazo noho mantsala rano ho ahy ty tsanon-Janahariko."²⁴Namaly an'i Josoa ndrozy Ka nanao hozao: "Safe nivolany tamy mpiasanao rey fa Yaveh Njanaharinao nibeko an'i Mosesy mpiasany mba hanome anao ty tany iaby, sady handrava olo ty tany iaby rey anilanao eo--- laha zay le natahotsy maré ty amy ty ainay zahay nono iha. Zay ro nahavy anay nanao raha zao."²⁵Amy zao, ingo, tananao amy ty fahefanao zahay. Ndra ino ndra ino hoy raha soa noho marina aminao hanovy aminay, le anovo zahay."²⁶Le zao ro nanovy i Josoa ho androzy: nalany tsy ambany fifeheza ty olo lakon'Israely eo ndrozy, sady tsy nivonao Israelita rey.²⁷Nanovy i Josoa mpanapaky hazo noho mantsaka rano ho ahy ty fiarahamonina, noho ho ahy ty alitara Yaveh Giveonita rey tamy andro io, zisiky-androany, amy ty toera ze tinginy Yaveh eo.

Chapter 10

¹Sady lafa ré i Adoni-zedeka, mpanjaka i Jerosalema, fa tea i Josoa i Ay sady nitorony tanteraky zay (manahaky ty nanovany an'ijeriko noho ty mpanjakany), reny avao koa fa nilongo ty olo lako ty Gibeona noho ty Israely sady niara-nipetsaky ndrozy. ²Le natahotsy tanteraky ty olo lako i Jerosalema safe Gibeona le tanà bevata, manahaky ty raiky amy tanà ty mpanjaka rey. Bey noho i Ay zay, ty lahilahy ro mpialy mahery iaby. ³Laha zay Adoni-zedeka, mpanjaka i Jerosalema, le nandefa hafatsy tamy i Hohama any, mpanjaka i Hebrona, tamy i Pirama any, mpanjaka i Jarmota, tamy i Jafia any, mpanjaka i Lakisy, sady tamy i Debira any, mpanjaka i Eglona hozao:

⁴"Miakara amiko atoy sady ampeo zaho. Ndao hotafihintsika i Gibeona safe ndrozy ro fa nilongo tamy i Josoa noho tamy ty olo lakon'Israely. ⁵Mpanjaka limy Amorita rey, ty mpanjaka i Jerosalema, ty mpanjaka i Hebrona, ty mpanjaka i Jarmota, ty mpanjaka i Lakisy, sady ty mpanjaka i Eglona ro niakatsy, ndrozy noho tafikiny rey iaby. Nametsaky ty rafitsy hanohera an'i Gibeona ndrozy, sady nanafiky zay. ⁶Nandefa hafatsy tamy i Josoa any noho tamy ty tafiky any ta Gilgala any ty olo lako i Gibeona. Hoasan-drozy hozao: "Malaky! Ka alà amy ty mpiasanareo eo ty tananareo. Miakara malaky aminay atoy, sady vonjeo zahay. Ampeo zahay, safe mpanjaka ty Amorita iaby mipetsaky amy ty tany vohitsy rey eny ro fa niharo ho raiky mba hanafiky anay." ⁷Niakatsy baka Gilgala any i Josoa, ie noho lahilahy mpialy iaby niaraky taminy rey, sady lahilahy mpanafiky iaby rey. ⁸Sady Yaveh nivola tamy i Josoa hozao: "Ka matahotsy androzy. Fa nameako ho am-pela-tana ndrozy eo. Tsy hisy ndra raiky amin-drozy hahasaka ty fanahinao." ⁹Niavy tampoky tamin-drozy eo i Josoa, lafa nandeha tanay ty haly iaby baka Gilgala any. ¹⁰Nakovontavonfa Yaveh taloha Israely eo ty fahavalo, sady Israely namono androzy tamy ty famonoa bevata ta Gibeona ao sady nania androzy tamy ty lala miakatsy mana Beti-horona any, sady ndrozy namono androzy tandala eny mana Azeka noho Makeda any. ¹¹Laha nitsoaky an'Israely ndrozy, nijotso ty vohitsy baka Beti-horona any, Yaveh nanoraky vato bevata baka amy ty lanitsy eny tanabon-drozy eo tamy ty lala iaby mana Azeka any, sady maty ndrozy. Lako maty ty havandra rey noho ty maty ty meso-bey lahilahin'Israely rey. ¹²Sady Josoa nivola tamy Yaveh tamy ty andro nanomeza Yaveh ty lahilahin'Israely fandreseha tanila Amorita rey. Zao ro safe i Josoa tamy Yaveh talohan'Israely: "Masoandro e, mijanona a-Gibeona ao, sady ty volal amy ty loham-baibo Aialona ao." ¹³Le nijano ty masoandro, sady nijano nihetsiky ty vola zisiky-hamalia faty ty firenea fahavalony rey. Tsy voasoratsy anay Boky i Jasara ao va zay? Ty masoandro nijano tanivo ty lanitsy eo; tsy nilentiky fa ho ndraiky andro manampantsy zay. ¹⁴Tsy jisy andro hafa manahaky taloha ndra tafara io zay, lafa nanenky ty feo ty olo i Yaveh. Safe Yaveh ro nialy ho an'Israely. ¹⁵Nimpoly tan-toby any ta Gilgala any i Josoa noho Israely iaby niaraky taminy rey. ¹⁶Mpanjaka limy nilay ret noho namony ty vatany tanay lava-bato ao ta Makeda ao. ¹⁷Le nivolany tamy i Josoa zay hoe: "Fa hita ndrozy! —mivony anay lava-bato ao Makeda ao mpanjaka limy ret!" ¹⁸y Josoa hozao: "Manodiha vato bevata am-bava lava-bato iny eo sady mametsaha maramila ao mba hiemby androzy. ¹⁹Fa ka mijano nareo. Hiano ty fahavalonareo sady tafiho baka afara ndrozy ao. Ka engà hilitry ty tanàny ndrozy, safe Yaveh Njanaharinareo fa nanome androzy ho an-tananareo eo." ²⁰Josoa noho anak'Israely rey fa nandrava androzy tamy ty famonoa bevata, zisiky-harava androzy tanteraky; ze sisa velo rey avao ro afaky-nilay namonjy ty tanà mivala.

²¹Sady ty maramila iaby nimpoly am-pilamina tamy i Josoa any tan-toby any ta Makeda any. Tsy nisy ndra raiky mahasaky mivola safe manohitsy ty olo lakon'Israely. ²²Sady Josoa nivola hozao: "Vohay ty lava-bato sady andeso miboaky baka ao amiko eto mpanjaka limy rey." ²³Le nanovin-drozy manahaky ze nivolany. Nandesin-drozy baka tan-dava-bato ao ho aminy eo mpanjaka limy rey—ty mpanjaka i Jerosalema, ty mpanjaka i Hebrona, ty mpanjaka i Jarmota, ty mpai Lakisy, sady ty mpanjaka i Eglona. ²⁴Lafa niavin-drozy tamy i Josoa eo mpanjaka rey, le nikaiky ty lahilahin'Israely iaby ie. Nivola tamy mpifehy ty maramila ze niaraky taminy tan'aly any rey ie hozao: "Apetsaho amy ty vozony eo ty tombonao." Le niakatsy ndrozy sady nametsaky ty tombony tamy ty vozo rey eo. ²⁵Sady hoy ie tamin-drozy hozao: "Ka matahotsy sady ka mivali-po. Mahereza noho matanjaka. Zao ro hanovy Yaveh amy fahavalonao iaby ze andehananao hialy rey." ²⁶Sady Josoa namango noho namono mpanjaka limy rey. Nahantony tamy ty hazo limy ndrozy. Nihanto tamy ty hazo ndrozy eo zisiky-hariva andro. ²⁷Laha milentiky masoandro iny, le nanome beko i Josoa, ka le nampijotsoan-drozy baka amy ty hazo rey eo sady natorakiny tanay lava-bato iny ao ze nivoniany. Nasian-drozy vato bevata ty vava lava-bato iny. Mbo ao vato rey zisiky-androany. ²⁸Manahaky zay, ro nanasazia i Josoa an'i Makeda tamy andro zay, noho namonoany ty olo-iaby tamy ty meso-bey ao, anisa zay ty mpanjakany. Naravany tanteraky ndrozy noho raha-miay iaby rey tao. Tsy nisy nengany ho velo. Manahaky ty nanoviny tamy ty mpanjaka i Joriko avao ro nanoviny tamy ty mpanjaka i Makeda. ²⁹Niala baka Makeda ao ho a Libna any i Josoa noho Israely iaby rey. Le nialy tamy i Libna ie. ³⁰Namea yho an-tanan'Israely eo avao koa zay— zisiky amy ty mpanjakany. Josoa namango ty raha-miay iaby tamy ty meso-bey ao. Tsy nenegàny niala tao. Manahaky ty nanovany ty mpanjaka i Jeriko avao ro nananovany ty mpanjaka. ³¹Sady niala baka Libna ao ho Lakisy any i Josoa noho Israely iaby niaraky takiny rey. Nioetsaky tao ie

sady niala taminy.³² Le namea Yaveh tan-tan'Israely eo i Lakisy. Tamy ty andro faharoe ro nisazie i Josoa azy. Naravany tamy ty meso-bey ty raha-miay iaby tao, manahaky ty nananovany an'i Libna.³³ Sady Horama, mpanjaka i Gazera, niakatsy mba hanampy an'i Lakisy. Fa Josoa namango azy noho ty tafikiny mandra-paha tsy nisy niala ndra le raiky aza.³⁴ Sady Josoa noho Israely iaby niaraky taminy niala baka Lakisy rey ao ho Eglona ao. Nipetsaky tao noho nialy tamin-drozy,³⁵ sady nanasazy azy tamy andro io avao. Namango zay tamy ty meso-bey ndrozy sady nandrava tanteraky ty olo iaby tao, manahaky ty nananova i Josoa an'i Lakisy.³⁶ Sady niala baka Eglona Josoa ao noho Israely iaby rey ho a-Gebrona any. Nialy taminy ndrozy.³⁷ Nanasazy azy ndrozy sady namango ty olo iaby tamy ty meso-bey ao, anisa zay ty mpanjaka noho ana-bohitsy iaby miodidy rey. Naravandrozy tanteraky ty raha-miay iaby tao, tsy nisy nengà niala, manahaky ty nananova i Josoa an'i Eglona. Naravany tanteraky zay, noho raha-miay rey iaby taminy ao.³⁸ Le nimpoly Josoa, noho ty tafik'Israely iaby niaraky taminy, ka le nana Debira any ndrozy sady nialy taminy.³⁹ Nanasazy zay noho ty mpanjakany ie, sady ana-bohitsy rey nanenky iaby. Namango androzy tamy ty meso-bey ndrozy, sady nandrava tanteraky raha-miay iaby taminy ao rey. Tsy nisy nengà i Josoa hiala, manahaky ty nananovany an'i Hebrona noho ty mpanjakany, noho manahaky ty nananovany an'i Libna noho ty mpanjakany.⁴⁰ Josoa nandresy ty tany iaby, ty tany vohitsy, Negeva, fany ambany rey, sady fototsy vohitsy rey. Tsy nisy nengàny hialà ndra raiky tamy mpanjakany iaby rey. Naravany tanteraky raha-miay iaby rey, manahaky ty fa nibekoa Yaveh, Njanaharin'Israely.⁴¹ Josoa namango androzy tamy ty meso-bey manomboky ta Kadesy-barnea ao ka le zisiky Gaza any, noho ty tanà ty Gosena iaby ka le zisiky Gibeona any.⁴² Josoa nampigadra indraiky avao mpanjaka iaby rey noho ty taniny safe Yaveh, Njanaharin'Israely, ro nialy ho an'Israely.⁴³ Sady Josoa, noho Israely iaby niaraky taminy, le nimpoly tamy ty toby any ta Gilgala ao.

Chapter 11

¹Lafa ré i Jabina, mpanjaka i Hazora zay, le nandefa hafatsy ho an'i Jobaba, mpanjaka i Madona, noho ty mpanjaka i Simrona, sady ty Mpanjaka i Aksafa ie. ²Nalefany tany mpanjaka ze amy ty tany rey any tany vohitsy avaratsy any, noho tany ty baibo amy ty renirano i Jordana any antimo i Kirnerota any, noho tany ty tany lonaky any, sady tany ty tany vohitsy i Dora mana andrefa any avao koa hafatsy iny. ³Nandefa hafatsy tany Kananita any mana antinana noho andrefa any, noho tany Amorita rey any, Hetita rey, Perizita rey, Jebosita rey amy ty tany vohitsy any, noho tany Hivita rey amy ty Vohitsy Hermona any amy ty tany i Mizpa any avao koa ie.

⁴Niboaky niaraky tamin-drozy iaby ty tafikin-drozy iaby, maramila lako hisaky, manahaky ty fasiky amorin-driaky eny. Nana sovaly noho sekely lako hisaky ndrozy. ⁵Nitojiky tany ty ora voatondro mpanjaka iaby rey, sady nipetsaky tany ty rano i Meroma eo mba hialy amy Israely. ⁶Hoy Yaveh tany i Josoa hozao: "Ka matahotsy amy ty famonjean-drozy eo, safe hamaray amy fotoa zao ro manome androzy amy Israely iaby manahaky ty olo maty Zaho. Ho vononao ty sovalin-drozy, sady horoanao ty kalesan-drozy." ⁷Le niavy Josoa noho lahilahy mpialy iaby rey. Niavy tampoky famy ty rano i Meroma any ndrozy, kanle nanafiky ty fahavalo. ⁸Namea Yaveh tan-tana Israely eo ty fahavalo, sady namango androzy tany ty meso-bey noho nania androzy ta Sidona any, Misrefota-maima, noho tany ty Loham-baibo i Mizpa antinana any ndrozy. Namono androzy ie mandra-paha tsy nisy ndra raiky aza sisa tavela. ⁹Nanovy i Josoa tamin-drozy manahaky ze nivolany Yaveh taminy. Nanoviny narava sovaly rey sady nioroany kalesa rey. ¹⁰Nimpoly i Josoa tany fotoa zay sady nanasazy an'i Hazora. Nitombohiny tany tg meso-bey ty mpanjaka tao. (Loha fanjaka iaby rey i Hazora.) ¹¹Nivonon-drozy tany ty meso-bey ty raha-manan'ay iaby ze tao, sady natokany ho ravà rey, ka le tsy nisy raha-manan'ay tavela. Bakeo nioroany i Hazora. ¹²Lasa i Josoa iaby ty tanà mpanjaka iaby rey. Nisamboriny avao koa ty mpanjaka iaby rey sady nitombohiny tany ty meso-bey. Naravany tanteraky tany ty meso-bey ndrozy, manahaky ty nibekoa i Mosesy mpiasa Yaveh. ¹³Tsy nandoro tanà namboary tany ty bongon-tany i Israely eny rey, hafa-tsy Hazora. Io avao ro nioroa i Josoa. ¹⁴Nalà ty tafik'Israely ty gadra iaby baka amy tanà niaraky tany ty biby fihary rey mba ho androzy. Nivonon-drozy tany ty meso-bey ty anak'olombelo iaby zisiky-mahafaty iaby. ¹⁵Tsy nisy raha-manan'ay nengan-drozy ho velo. Manahaky ty nibekoa Yaveh an'i Mosesy mpiasany, le manahaky zay koa, ro nibekoai Mosesy an'i Josoa, ka le nanovy i Josoa zay. Tsy nisy raha nengany tsy ho vits ze iaby nibekoa Yaveh hanovy. ¹⁶Nalà i Josoa iaby tany iaby zay, ty tany vohitsy, Negeva raiky iaby, ty tany i Gosena raiky iaby, l9naky amoton-tsidaky rey, loham-baibo ty Riaky Jordana rey, ty tany vohitsy Israely, sady tany lonaky rey. ¹⁷Zisiky amy ty vohitsy Halaka anila i Edoma any, noho nanavaratsy lavitsy manahaky an'i Bala-gada ao tany ty loham-baibo anila i Libanona ambany ty Vohitsy Hermona any, le nisamboriny iaby ty mpanjakan-drozy sady nivonony. ¹⁸Fa ela ro nialy tany mpanjaka iaby rey. ¹⁹Tsy nisy tanà nanao filongoa tany ty tafik'Israely hafa ty Hivita ze nipetsaky ta Gibeona ao rey. Lasan'Israely iaby tanà sisa tavela an'aly rey. ²⁰Safe Yaveh ro nampahery ty fon-drozy le nialy nanohitsy an'Israely ndrozy, mba hafahany mamotiky tanteraky androzy tsy misy ferinay, manahaky ty nibekoany an'i Mosesy. ²¹Bakeo niavy Josoa tany fotoa zay ka le nitorony i Anakima. Nanoviny tany ty tany vohitsy any, ta Hebrona any, Debira, Anaba, sady tany vohitsy i Joda iaby rey zay, noho tany ty tany vohitsy Israely iaby any. Nitoroe i Josoa tanteraky ndrozy noho tanà rey. ²²Tsy nisy Anakita tavela tany tany Israely iny eo hafa ty ahy Gaza, Gata, sady Asdoda. ²³Laha zay ro lasa i Josoa iaby ty tany raiky iaby, manahaky ty nivolany Yaveh an'i Mosesy. Namea i Josoa ho lovan'Israely zay, nitondroe ho ahy ty foko kirai-draiky. Bakeo tany nijano tany ty aly iny.

Chapter 12

¹Sady ndreto mpanjaka ty tany rey, ze resy lahilahin'Israely rey. Nalà Israelita rey ty hanana ty tany tamy ty ilany antinana i Jordana ze hiboaha ty masoandro any, nanomboky tamy ty Loham-baibon-driaky Arnona eo zisiky amy ty vohitsy Hermona, sady ty Arba iaby zisiky antinana any. ²Sihona, mpanjaka ty Amorita, ro nipetsaky ta Hesbona any. Nanjaka ziziky Aroera any, ze amy ty sisny ty Harambato i Arnona eo baka anivo ty loham-baibo eo ie, sady ty antsasaky i Gileada mirotsaky zisiky amy ty renirano i Jakoba any amy ty sisin-tany ty Amonita any. ³Nanjaka tamy i Araba zisiky amy ty riaky i Kinerota any koa i Sihona, zisiky antinana any, ka le zisky amy ty riaky i Araba any (Riaky) antinana, ty lala iaby zisiky Beti-jesimota noho antimo any, am-pototsy ty Vohitsy Pisga. ⁴Oga, mpanjaka i Basana, raiky amy ty Refaïma sisa, ro nipetsaky ta Astarta noho Edrehy ao. ⁵Nanjaka tamy ty vohitsy i Hermona, Saleka, sady Basana iaby, zisiky amy ty faritany ty olo mipetsaky i Gesorita noho ty Makatita ie, sady ty antsasa i Gileada, zisiky amy ty faritany i Sihona any, mpanjaka i Hesbona. ⁶Nandresy androzy i Mosesy mpiasa i Yaveh, noho ty olo lakon'Israely, sady Mosesy mpiasa Yaveh, ro nanome ty tany mba ho fanana Robenita rey, noho Gadita, sady ty antsasa-pokoa i Manase. ⁷Ndreto mpanjaka ty tany zevresy i Josoa rey noho ty olo lakon'Israely tan-drefa i Jordana any, nano, boky ta Bala-gada ao amy ty loham-baibo anila i Libanona ao zisiky am-bohitsy Halaka any anila i Edoma. Nanome tany ho ahy fokoan'Israely rey any i Josoa mba ho fananan-drozy. ⁸Nameany androzy ty tany vohitsy, tany lonaky rey, azy Araba iny, sisny vohitsy rey, ty tany efitsy, sady ty Negeva---le ty tany Hetita rey, Amorita, Kananita, Perzita, Hivita, sady Jebosita rey. ⁹Mpanjaka rey ro ahità ty mpanjaka i Jeriko, ty mpanjaka i Ay ze anila i Betela eo, ¹⁰ty mpanjaka i Jerosalema, ty mpanjaka i Enaima, ¹¹ty mpanjaka i Jarmota, ty mpanjaka i Lakisy, ¹²ty mpanjaka i Eglona, ty mpanjaka i Gazera, ¹³ty mpanjaka i Debira, ty mpanjaka i Gadera, ¹⁴ty mpanjaka i Horma, ty mpanjaka i Arada, ¹⁵ty mpanjaka i Libna, ty mpanjaka i Adolama, ¹⁶ty mpanjaka i Makeda, ty mpanjaka i Betela, ¹⁷ty mpanjaka i Tapoa, ty mpanjaka i Hefera, ¹⁸ty mpanjaka i Afeka, ty mpanjaka i Lasarona, ¹⁹ty mpanjaka i Madona, ty mpanjaka i Hazora, ²⁰ty mpanjaka i Simrona-merona, ty mpanjaka i Aksafa, ²¹ty mpanjaka i Tanaka, ty mpanjaka i Megido, ²²ty mpanjaka i Kadesy, ty mpanjaka i Jokneama, ²³ty mpanjaka i Dora, ty mpanjaka i Goyema a-Gilgala any, ²⁴sady ty mpanjaka i Tirza. Telopolo raiky amby ro hisa mpanjaka iaby rey.

Chapter 13

¹Sady fa tena antitsy vatany i Josoa lafa nivola taminy Yaveh hozao: "Tena antitsy vatany iha, nefa mbo lako tany ho sazie rey.²Toy ty tany ze mbo tavela: faritsy iaby amy ty Filistina rey ao, sady iaby a-Gesriana rey any, ³(baka Sikora any, ze antinana i Egyptaany, noho avaratsy ty sisiny ty Akarona, ze dinihy ho fanana Kananita rey; mpanapaky limy Filistina rey, ze a-Gaza any, Azota, Askalona, Geta, sady Akarona—faritsy Avita rey).⁴Antimo any, le mbo misy ty tany Kananita iaby rey, noho Maàra ze ho ahy Sidoniana, Afeka any, faritsy Amorita rey; ⁵ty tany Gebalita rey, Libanona iaby aloha ty fiboaha ty masoandro rey, zisiky Bala-Gada anabo ty vohitsy Hermona eo any ka le zisiky Lebo Hamata any.⁶Fa koa, olo iaby amy ty tany vohitsy rey baka Libanona any manahaky i Mserofota-Maima, anisa zay olo iaby rey a-Sidona any. Handroaky androzy aloha tafik'Israely rey. Alao antoky ty fanomeza ty tany an'Israely ho lova raiky, manahaky ty nibekoako anao. ⁷Zarao tany zay ho ahy fokoa sivy rey noho ahy antsasaky ty fokoa i Manase rey.⁸Miaraky amy ty antsasaky ty fokoa i Manase rey, Reobenita noho Gadita rey le nandramby ty lova ze namea i Mosesy androzy rey tan-tinana i Jordana any, ⁹Aroera any, ze amy sisiny ty renirano i Arnona eo (anisa zay ty tanà ze anivo ty renirano eo), ho ahy ty lonaky iaby a-Medeba any sady zisiky Dibona any;¹⁰tanà iaby a-Sihona rey, mpanjaka Amorita rey, ze manapaky a-Hesbona any, zisiky amy Amorita rey any; ¹¹Gileada, noho faritsy a-Gesrita noho Makatita any, vohitsy i Hermona rey, Basana iaby rey zisiky Salekà any; ¹²ze nanjaka ta Astarta noho Edrehy any— rey ro sisa tavela tany i Refaita—Namono androzy i Mosesy sady nandroaky androzy.¹³Fa olon'Israely rey ro tsy nandroaky Gesrita rey ndra Makatita. Fa koa, Gesora noho Makata ro nipetsaky tany Israely rey eo tany andro zay.¹⁴Tany ty fokoa i Levy raiky ro tsy nanomeza i Mosesy lova. Fanomeza Yaveh rey, azy Njanaharin'Israely iny, vita tany ty afo, noho lovan-drozy rey, manahaky ty nivolany Njanahary an'i Mosesy.¹⁵Mosesy nanome lova tany fokoa i Robena rey, isam-poko. ¹⁶Ty faritsin-drozy ro baka amy i Aroera any, amy sisiny ty Renirano Arnona any, sady tanà ze anivo ty loham-baibo eo, noho amy lonaky rey any anila i Medeba.¹⁷Ndramby an'i Robena avao koa i Hesbona noho tanà iaby ze amy ty Dibona any, noho Bamota-Bala, sady Beti-Bala-Meona, ¹⁸Jahaza, Kedemota, noho Mefata, ¹⁹noho Karia-taima, noho Sibama, sady Zareta-sahara ambonivohitsy eny.²⁰Nandramby an'i Beti-peora avao koa i Robena, hanta i Pisga rey, Beti-jesimota, ²¹noho tanà ty lonaky rey, sady fanjaka i Sihona mpanjaka Amorita rey, ze nanjaka ta Hesbona any, ze niresahy i Mosesy niarakany tany mpitariky Madiana rey, Evi, Rekema, Sora, Hora, Reba, mpanjaka ty Sihona iny, ze nipetsaky tany ty tany ao.²²Ty olo lakon'Israely avao koa ro namono tanybity meso-bey an'i Balama anakilahy i Beora, ze nanao sikily, tany ty sisa tany ze nivonona rey. ²³Ty renirano i Jordana ro sisiny ty fokoa i Robena; zay ro sisin-tanin-drozy. Zay ro lova ty fokoa i Robena, namea tany ty isam-pokoa ty kirai-draiky, niarakany tany tanàn-drozy rey noho vohitsy rey.²⁴Zay ro namea i Mosesy tany ty fokoa i Gada, isam-pokoa:²⁵ ty faritsin-drozy ro Jazera, tanà i Gileada rey iaby noho antsasaky ty tany Amonita rey, Aroera, ze antinana i Rabà any, ²⁶a-Hesbona any ka le zisiky amy i Ramata-mizpa any noho Betonima, a-Mahanaima any amy ty faritsy i Debira any.²⁷Ty amy ty loham-baibo, Mosesy ro nanome an'i Beti-harama, Beti-nimra, Sokota, Zafona, sisa tany ty fanjaka i Sihona mpanjaka i Hesbona rey, miarakany amy i Jordana ho sisiny, zisiky amy ty fara ty riaky i Kinereta any, antinana ty an-dafy i Jordana. ²⁸Zay ro lova ty fokoa i Gada, isam-pokoa, miarakany amy tanà rey noho vohitsy rey.²⁹Mosesy nanome lova tany ty antsasaky ty fokoa i Manase. Zay ro nitondro tany ty antsasaky ty fokoa ty olo i Manase, manahaky ty fokoan-drozy. ³⁰Baka Mahanaima any ty faritsin-drozy, i Basana iaby, ty fanjaka i Oga mpanjaka i Basana iaby, noho tanà i Jaira iaby rey, ze ta Basana any, tanà enim-polo; ³¹antsasaky i Gileada, noho Astarta sady Edrehy (tanà ty mpanjaka i Oga ret a-Basana any). Rey ro voatondro tany fokoa i Makira anakilahy i Manase iny—antsasaky ty olo i Makira, ze namea ty kirai-draiky amy longony rey.³²Zay ty lova ze nitondro i Mosesy androzy tany ty lonaky i Moaba eo, an-dafy ty Jordana antinana ty Jeriko any. ³³Mosesy ro tsy nanome lova ty fokoa ty Levi. Fa Yaveh, Azy Njanaharin'Israely iny, ro lovan-drozy, manahaky ze nivolaniny tamin-drozy.

Chapter 14

¹Ndreto iaby ty faritsy ty tany ze nirambesy ty olo lakon'Israely ho lovan-drozy tamy ty tany Kanàna any, nitondrea ho androzy tamy i Eleazara mpisoro, tamy i Josoa anaky i Nona, sady tamy ty mpitari-pokoa ty longo ty razan-drozy niarakany amy ty olo lakon'Israely.²Ty lovan-drozy ro vita voatsy tamy ty loka ho ahy ty sivy noho ty antsasaky ty fokoa, rey manahaky ze nibekoa Yaveh tamy ty tana i Mosesy. ³Fa namea i Mosesy lova ty amy ty roe noho antsasaky ty fokoa tan-dafy i Jordana any, nefa ie tsy nanome lova Levita rey. ⁴Fa laha ty marina ro fokoa roe ty fokoa i Josefa, le Manase noho Efraïma. Tsy nanome anjara lova tamy ty tany any Levita rey, fa tamy ty tanà ilany any avao mba hipetsaha, mbany tany-fihihinanam-biby rey ho ahy ty biby fihary noho fitaovam-pamokaran-drozy rey. ⁵Le nanao manahaky ty nibeko i Yaveh an'i Mosesy ty olo lakon'Israely, ka le nitondroendrozy ty tany.⁶Le niavy tamy Josoa any tamy ty tany Gilgala any ty fokoa Joda. Kaleba ana i Jefona Kenizita, nivola taminy hozao: "Hainao ze nivolany Yaveh an'i Mosesy azy lahilahin-Janahary iny mikasiky ahy noho iha ta Kadesi-Barnea any. ⁷Efapolo tao zaho lafa nalefa i Mosesy mpiasa Yaveh baka Kadesi-Barnea any mba hisafo ty tany. Nitateriko taminy ndraiky ty tatitsy mba hanovy manahaky ty tea ty fokoa hatao. ⁸Fa rahalahiko ze nandeha niakatsy niarakany tamiko nampalemy ty fo ty olo lakony tamy ty tahotsy rey. Nefa niorihiko tanteraky Yaveh Njanahariko. ⁹Nifanta i Mosesy tamy andro zay, sady nanao hozao: 'Azo antoky fa ty tany ze nandehana ty tombonao ro ho lova ho ahy nao noho ty ananao zisiky farany, safe nanoriky tanteraky an'Yaveh Njanahariko iha.¹⁰Sady, ingo! Yaveh nitandraky ahy ho veli anay ze efapolo limy amby tao ze manahaky ze nivolaniny--tamy ty fotoa ze nivolany Yaveh safa zay tamy i Mosesy, anay ty nandehana Israely tanefitsy any. Sady ingo! valopolo limy amby tao zaho amy andro zao. ¹¹Mbo matanjaky zisiky any zaho amy andro zao manahaky ty tamy ty andro nandroaha i Mosesy ahy. Ty tanjakiko amy zao le manahaky ty tanjakiko tamy zay, tamy ty aly noho tamy ty nandeha noho nimpoly.¹²Ka laha zay ameo ahy tany vohitsy toy, ze nampanantena Yaveh ahy tamy andro zay. Safe renao tamy andro zay i Anakita tamy tanà mivala bevata rey. Mety hitahy ahy Yaveh mba hafahako mandroaky androzy, manahaky ty nivolany Yaveh. ¹³Bakeo le nitsipi-rano azy i Josoa sady nanome an'i Hebrona ho lova i Kaleba ana i Jefone. ¹⁴Laha zay le nanjary mpandova an'i Kakeba anakilahy i Jefona azy Kenizita iny i Hebrona zisiky-amy zao, safe nanoriky an'Yaveh vatany ie, azy Njanaharin'Israely iny. ¹⁵Sady le Kiriata ro anara i Hebrona taloha. (Arba ro lahilahy bevata bibike amy i Anakita eo.) Le nijano tamy ty aly tany.

Chapter 15

¹Ty anjara tany ty foko a ty olo lako i Joda, namea ty fokoan-drozy, le niitatsy nanantimo nana amy ty sisin-tany i Edoma any, niaraky tany th efitsy i Sina ze vala lavitsy bibiky antimo any. ²Ty sisin-tan-drozy antimo any ro nanomboky tany ty tafa ty Riaky-sira eo, ka le zisiky amy ty helo-rano ze manatsiky ty antimo any. ³Ty sisin-tanin-drozy manaraky le niboaky tan-timo ty vohitsy i Akrabima ao sady nanaraky an'i Sina, noho niakatsy antimo i Kadesy Bernea, manaraky an'i Hezrona, sady miakatsy an'i Adara, amy ze iolà zay mana Karka eo any. ⁴Nanaraky an'i Azmona, nahazo ty Loham-baibon-driaky i Egipta, sady niafara tan-driaky any zay. Zay ro faritanin-drozy antimo. ⁵Ty sisin-tany antinana le ty Riaky-sira, am-bava i Jordana eo. Ty faritany avaratsy any ro baka amy ty Loham-baibon-driaky ty riaky eo ka le zisiky am-bava i Jordana eo. ⁶Niakatsy ta Beti-hogla ao sady nanaraky ty avaratsy i Bet-hogla ao sady nanaraky ty avaratsy i Bet-araba zay. Bakeo zay le niakatsy nana amy ty Vato i Bohana anakilahy i Roveny any. ⁷Sady ty faritsy le niakatsy ta Debira any zisiky amy ty Loham-baibo i Akora any, sady nanavaratsy, niodiky nanaraky an'i Gilgala, ze tandrifity ty vohitsy i Adomina, ze amy ty lafy avaratsy ty loham-baibo any. Bakeo azy faritany iny nanaraky ty loham-baibo i Ensemesany sady nandeha ta En-rogea any. ⁸Le niakatsy ty loham-baibo i Beni-Hinoma any ka le zisiky amy ty lafy antimo ty tanà ty Jebosita any (zay, i Jerosalema) ty faritany. Le niakatsy zisiky amy ty tsifa ty vohitsy ze manaro ty loham-baibo i Hinoma any, avaratsy any, ze amy ty farany avaratsy ty loham-baibo i Refaita any zay. ⁹Sady ty faritany niitatsy zisiky amy ty tsifa vohitsy rey eo ka le zisiky amy ty loham-baibo i Neftoa any, sady niboaky baka eo ka le zisiky amy tanà any tam-bohitsy Efrona rey eo. Sady ty faritany niodidy ty antinaba i Bala (mitovy amy i Kiriata-jearima). ¹⁰Sady ty faritany niodidy ty antinana i Bala zisiky amy ty Vohitsy Seira any, sady nanaraky ty lafy ty Vohitsy Jearima avaratsy any (mitovy amy i Kesalona), nijotso zisiky Beti-semesany any, sady nanapaky ty Timna. ¹¹Niboaky anila ty avaratsy ty vohitsy Ekrona ty faritany, sady le niodidy an'i Sikerona noho nanaraky ty Vohitsy Bala zay, bakeo le nana Jabniela any zay. Niafara tan-driaky ao ty faritany. ¹²Ty sisin-tany andrefa le ty Riaky Bevata noho ty sisiny. Io ro faritany miodidy ty foko a i Joda, isam-pokoa. ¹³Amy ty fiembena i Josoa ty lily i Yaveh, le nanome an'i Kaleba anakilahy i Jefona anjara amy ty tany amy foko a i Joda rey eo, Kiriata Arba, ze Hebrona (Arba ro baba i Anàka) i Josoa. ¹⁴Nandroaky ty ana i Anàka telo lahy tao i Kaleba: Sesay, Ahimana sady Talmay, tariha i Anàka rey. ¹⁵Niakatsy baka eo ie hanihitsy olo mipetsaky i Debira rey (Debira ro nikaimy hoe Kiriata-sefera taloha). ¹⁶Hoy Kaleba hozao: "Ty olo ze manafaky an'i Kiriata-sefera noho mahazo zay. le ho anazy ro hanomezako an'i Aksa anak'ampelako ho valy." ¹⁷Sady Otniela anakilahy i Kenaza, rahalahy i Kaleba, lafa nahazo zay, le namea i Kaleba azy ho valiny i Aksa anak'ampelany. ¹⁸Fotoa tsy ampy tafara zay, le nana amy i Otniela i Aksa any sady nampirisihany hangataky baibo tany ty babany any ie. Lafa nijotso tany ty borikiny ie, le hoy Kaleba taminy hozao: "Ino ro ilanao?" ¹⁹Namaly Aksa hozao: "Mananova raha miavaky ho ahy, safe fa nanome ahy ty tany Negeva iha: le ameo ahy koa loharano ilany rey." Le namea i Kaleba androzy loharano anabo noho loharano ambany rey. ²⁰Zay ro lova ty foko a i Joda, namea fokoany rey. ²¹Tanà ze ahy ty foko a i Joda rey amy ty tarany antimo any, amy ty faritany i Edoma, le Kabzela, Edera, Jagora, ²²Kina, Dimona, Adada, ²³Kadesy, Hazora, Itnana, ²⁴Zifa, Talema, Bealota. ²⁵Hazora-hadata, Keriota-hezrona (io avao koa ro hay tany ty hoe Hazora), ²⁶Amama, Sema, Molada, ²⁷Hazara-gada, Hesmona, Beti-paleta, ²⁸Hazara-soala, Beri-sheba, Biziotia. ²⁹Bala, le, Azema, ³⁰Eltolada, Kesila, Horma, ³¹Ziklaga, Madmana, Sansana, ³²Lebaota, Silima, Aina, sady Rimona. Rey ro tanà ropolo sivy amby ty fiharoany, miaraky amy vohotsy kelikeliny rey. ³³Tany ty tany vohitsy ambany bibiky any andrefa any, le nisy an'i Estaola, Zora, Asna, ³⁴Zanoa, En-ganima, Tapoa, Enama, ³⁵Jarmota, Adolama, Soko, Azeka, ³⁶Saraima, Aditaima, sady Gadera (ze, Gederotaima). Folo efatsy amby hisaky tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ³⁷Zenana, Hadasa, Migdala-gada, ³⁸Dilana, Mizpa, Joktela, ³⁹Lakisy, Bozkata, Eglona. ⁴⁰Kabona, Lamasa, Kitalisa, ⁴¹Gederota, Beti-dagona, Nama, Makeda. Folo enin'amby ty hisa tanà rey, miaraky amy vohotsy kelikeliny rey. ⁴²Libna, Atera, Asana, ⁴³Jifta, Asna, Neziba, ⁴⁴Kila, Akziba, Maresa. Tanà sivy rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁴⁵Ekrona, miaraky amy tanà rey noho ana-bohitsy miodidy rey zay; ⁴⁶bakeo Ekrona ka le zisiky amy ty Riaky Bevata any, fipetsaga iaby ze anila an'i Asdoda rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁴⁷Asdoda, tanà noho ana-bohitsy miodidy rey zay; Gaza, tanà rey noho ana-bohitsy miodidy rey zay; zisiky amy ty loham-baibon-driaky i Egipta any, sady zisiky amy ty Riaky Bevata any miaraky amy ty morontsiraky zay. ⁴⁸Amy ty tany vohitsy ao, Samira, Jatira, Soko, ⁴⁹Dana, Kiriata-sana (ze, Debira), ⁵⁰Anaba, Estemo, Anima, ⁵¹Gosena, Holona, sady Gilo. Folo raiky amby tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁵²Araba, Doma, Esana, ⁵³Janoma, Beti-tapoa, Afeka, ⁵⁴Honta, Kiriata-arba (ie, Hebrona), sady Ziora. Sivy tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁵⁵Manoa, Karmela, Zifa, Jota, ⁵⁶Jezirela, Jokdeama, Zanoa, ⁵⁷Kaina, Gibe, Timna. Folo tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁵⁸Halola, Beti-zora, Gadora, ⁵⁹Marata, Bet-anot, sady Elketona. Eny tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁶⁰Kiriata-bala (ze, Kiriata-jearima), sady Raba. Roe tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey. ⁶¹Anefitsy ao, le misy an'i

Bet-araba, Midina, Sekaka, ⁶²Nisbana, ty Tanàntsira, sady En-jedy. Eny tanà rey, miaraky amy vohitsy kelikeliny rey.⁶³Fa Jebosita rey, olo pipetsaky i Jerosalema rey, ty fokoà i Joda ro tsy afaky nandroaky androzy, ka le nipetsaky tao niaraky tany ty fokoà i Joda zisiky amy zao Jebosita rey.

Chapter 16

¹Ty zara-tany ty fokoa i Josefa ro niitatsy nanomboky ta Jordana any kanle zisiky a-Jeriko any, antinana ty loharano i Jeriko, mana an'efitsy any, niakatsy baka Jeriko ao zisiky amy ty tany vohitsy i Betela any. ²Bakeo zay le nana Betela any ka le zisiky Lozy any sady namakivaky zisiky Atarota any, azy fari-tany ty Arkita iny. ³Le nijotso nanandrefa nahazo ty faritany ty Jafletita zay zisiky amy ty faritany ambany i Bedhorona any, sady bakeo nana Gazera any; le niafara tany ty riaky any. ⁴Zay ro fomba nahazoa fokoa i Josefa rey, Manase noho Efraima ty lovan-drozy. ⁵Ty farifany ty fokoa i Efraima ze nitondroe ho ahy ty fokoan-drozy ro manahaky manaraky zao: ty faritany ty lovan-drozy antinana any ro niala ahy ty Atarot-adara anana Beti-horona anabo any, ⁶sady nitohy zisiky an-driaky any zay. Baka Mikmeta avaratsy any zay ro nivio nanantinana nana Tanata-silo any sady nahazo ty sisiny zay antinana any zisiky Janoha any. ⁷Le nijotso baka Janoha any nahazo an'i Atarota noho Narata zay, sady bakeo nahatsatsy an'i Jeriko eo, sady niafara ta Jordana any. ⁸Baka Tapoa ao azy faritany iny ro nahity nanandrefa ho amy ty loham-baibo i Kana sady niafara tan-driaky any. Zay ro lova ty fokoa i Efraima, voatondro ho ahy ty longon-drozy, ⁹niaraky tany tanà ze nitinginy ho ahy ty fokoa i Efraima rey mbamy ty lova ty fokoa i Manase__tanà iaby rey, mbamy vohitsin-drozy rey. ¹⁰Tsy nandroaky Kananita ze nipetsaky ta Gazera any ndrozy, ka le miay miaraky amy i Efraima zisiky amy zao Kananita rey, fe nampananovy asa forisé olo lako rey.

Chapter 17

¹Toy ro zara-tany ty fokoa i Manase (ze anakilahy i Josefa velohany) ---zay hoe, ho an'i Makira, ze anakilahy i Manase noho ty vatany ze baba i Gileada. Ty tany i Geleada noho Basana ro nitondroe ho ahy tariha i Makira rey, safe Makira ro lahilahin'aly. ²Ty tany ro nitondroe ho ahy ty amby ty fokoa i Manase, namea fokoan-drozy rey---le i Abi-ezera, Heleka, Asriela, Sekema, Hefera, sady Semida. Rey ro tariha lahy i Manase anakilahy i Josefa, namea fokoan-drozy rey.³Sady Tselofehada anakilahy i Hefera ana i Gileada ana i Makira ana i Manase ro tsy nana-anakilahy, fa anak'ampela avao. Ndreto iaby ty anara anak'ampela rey: Mahala, Noha, Hogla, Milka, sady i Tiriza. ⁴Namonjy an'i Eleazara mpisoro iny, Josoa anakilahy i Nona, noho olo-bey ndrozy rey, sady hoy ndrozy hozao: "Yaveh ro nibeko an'i Mosesy hanome antsika lova miarakany amy rahalahintsika." Laha zay, ty fanaraha lily Yaveh rey, ro nanomezany lova ho ahy ty ampela rey tany rahalahi-baban-drozy.⁵Ty tsinjaran-tany folo ta Gileada noho Basana ro Nitondroe ho an'i Manase, ze am-pita i Jordana eny, ⁶safe anak'ampela i Manase rey ro nandray lova niarakany tany anakilahiny. Ty tany i Gileada ro nitondroe ho ahy ty amby ty fokoa i Manase.⁷Ty faritany i Manase ro avy zisiky Aseravany ka le zisiky Mikmetata any, ze antinana i Sekema any. Sady ty sisin-tany ro nandeha nanantimo nana amy ze mipetsaky anila ty faritany ty Topoa rey. ⁸(Ty tany i Topoa ro an'i Manase, fe ty tanà-bevata i Topoa amy ty sisin-tany i Manase eo koa ro ahy ty fokoa i Efraïma.)⁹Ty faritany ro mijotso mana amy ty loham-baïbon-driaky amy ty tanà-bevata i Manase eo ro an'i Efraïma. Ty faritany i Manase ro avaratsy ty loham-baïbon-driaky any, sady miafara amy ty riaky any. ¹⁰Ty tany antimo any ro an'i Efraïma, sady ty tany avaratsy any ro an'i Manase; ty riaky ro faritany. Amy ty sisiny avaratsy i Asera any, ka le zisiky amy ty antinana any, ro i Isakara. ¹¹Isakara any noho Asera any avao koa, Manase ro nana an'i Beti-sana noho tanàny rey Ibleama noho tanàny, olo pipetsaky i Dora rey noho ty tanàny, olo pipetsaky i Tanaka rey noho ty tanàny, sady olopipetsaky i Megido rey noho ty tanàny (sady ty tanà fahatelo ro i Naftea). ¹²Mbo tsy afaky mangalaky ho fanana ahy tanà rey ty fokoa i Manase, safe Kananita rey ro mbo mipetsaky amy tany io ao. ¹³Lafa niha-natanjaky ty olo lakon'Israely, ro niton-drozy hiasa Kananita rey, fa tsy nirambesiny tanteraky. ¹⁴Bakeo tariha i Josefa rey nivola tany i Josoa, nanao hozao: "Nanao akory ro asa ty tany raiky avao ro nameanao ho ahy nay sady samby mana raiky amy ty lova, nefa olo lako maré hisaky zahay, sady fa nitahie Yaveh zahay iaby?" ¹⁵Hoy Josoa tamin-drozy: "Laha olo lako hisaky maré nareo, le miarakany anay ala any ty vatanareo sady tapaho hazo amy ty tany i Perizita ao rey noho Refaita any. Anovo zay, safe ty vohitsy ty firenea i Efraïma ro kelikely ho ahy nareo." ¹⁶Hoy tariha i Josefa rey: "Tsy ampy anay ty vohitsy. Fa Kananita ze mipetsaky amy ty loham-baïbo any rey ro mana kalesa vy, Beti-sana any rey noho ty tanàny, sady ze amy ty loham-baïbo i Jezirela any. ¹⁷Sady hoy i Josoa tany ty longo i Josefa-tany i Efraïma noho Manase: "Olo lako hisaky maré nareo, sady mana hery bevata. Tsy tokony ho zaran-tany raiky avao ro nitondroe ho ahy nareo. ¹⁸Ty vohitsy avao koa ro ho ahy nareo. Ndra ty ala zay, le ho tapahinareo ka le anovo fanana zisiky amy ty sisiny lavitsy bibiky any zay. Hampiboaky Kananita rey nareo, ndra le mana kalesa vy aza ndrozy, ndra le matanjakay aza ndrozy."

Chapter 18

¹Le niaraky nivory ta Silo ao ty egilizy ty olo lakon'Israely iaby. Tao ro namboaran-drozy ty lay fitojeha noho nandresean-drozy ty tany taloha ndrozy. ²Mbo nisy fito fokoa rey tany ty olo lakon'Israely ze tsy nitondroe ty lovany eo. ³Le hoy Josoa tany ty olo lakon'Israely hozao: "Zisiky-ombia ro mbo higemoranareo tsy handeha amy ty tany ze namea Yaveh Njanahary ty razambenareo rey ao, anareo? ⁴Manondroa telo lahy ho anareo isaky ty fokoa kirai-draiky, sady zaho koa haniraky androzy. Le hiala noho hitety ty tany anabo noho ambany ndrozy. Le hanoratsy ty fanorita zay ndrozy manahaky ze teany ho lovany, sady himpoly amiko atoy ndrozy bakeo. ⁵Le ho zaran-drozy ho faritsy fito zay. Joda hijano amy ty faritaniny any antimo any, sady ty longo i Josefa hanohy ty faritsin-drozy avaratsy any. ⁶Faritsy fito ro hamaritanareo ty tany sady ampolio amiko ato ty fanarita. Le hana antsapaky ho ahy nareo zaho anila Yaveh Njanaharintsika eto. ⁷Levita rey ro tsy mana anjara aminareo eo, fa ty fisorona ho an'Yaveh ro lovan-drozy. Gada, Robena, sady ty antsasa-pokoa i Manase ro nahazo ty lovan-drozy, tany sisiny i Jordana any. Zay ro lova ze namea i Mosesy mpiasa i Yaveh ndrozy." ⁸ke nifoha lahilahu rey ka le nandeha. Le niodidy i Josoa ze nandeha namaritsy ty tany rey, noho hozao: "Mandeha mitety ty tany ka le sorito zay sady mimpolia amiko eto. Le hanao antsapaky ho anareo anila Yaveh eto a-Silo atoy Zaho." ⁹Le nandeha lahilahu rey ka le nitety ty tany anabo noho ambany sady nanoritsy zay tanay horonan-taratasy manahaky tanàny rey anay faritsy fito, handahara tanà isamy ty faritsy kirai-draiky rey. Le nimpoly tany i Josoa any tan-toby ao ta Silo ao ndrozy bakeo. ¹⁰Le nanao antsapaky ho androzy ta Silo ao tanila Yaveh eo i Josoa. Tao ro nanondroa i Josoa ty tany ho ahy ty olo lakon'Israely, sady ty kirai-draiky ro samby namea ty anjara taniny iaby. ¹¹Ty fanondroe ty tany ho ahy ty fokoa i Benjamina ro nanome ty isam-pokoan-drozy kirai-draiky. Ty faritany ty tany ze voatondro ho androzy le voafaritsy tanivo ty tariha i Joda rey noho tariha i Josefa rey. ¹²Tany ty ilany avaratsy any, fa Jordana any ro nanomboha ty faritanin-drozy. Ty faritany ro niakatsy zisiky amy ty ilany avaratsy i Jeriko any, sady bakeo niakatsy nanavaratsy ty tany vohitsy andrefa any. Zisiky eo zay le nahazo ty efitsy i Betavena. ¹³Zisiky eo ro nandalo nanantimo nahity nana Lozy any (Betela zay) ty faritany. Bakeo nijotsobzisy amy i Atarot-adara any ty faritany, amy ty vohitsy ze manitsaky ty antimo i Beti-horona any. ¹⁴Nahity nanaraky lala-hafa ty sisin-tany laha zay: amy ty ilany andrefa any zay ro mitoliky manantimo, le mitoli-doha amy ty vohitsy amy sisiny i Beti-horona. Sisiny-tany io ro tampitsy Kiriata-bala any (Miriata-jearima zay), tanà raiky ze ahy ty fokoa i Joda any. Zay ro nanjary faritsy tany th faritsy andrefa any. ¹⁵Nanomboky tambaliky i Kiriata-jearima eo ty lafiny antimo. Niala teo ty faritany ro nahazo an'i Efrona, ziaiky amy loharano i Neftoa any. ¹⁶Ty sisin-tany laha zay le nijotso nahazo ty miodidy ty vohitsy ze tandrify ty loham-baibo i Ben-hinoma, ze tany ty sisiny avaratsy i Refaima any. Le nijotso ziaiky amy ty loham-baibo i Hinoma any zay, antimo ty zisiky Jebosita rey any, sady nahity nana En-Rogela any. ¹⁷Le nitoliky nanavaratsy zay, nahity nankamamy i En-semesy, sady baka eo le niboaky nana Gelilota any zay, ze tandrify i Robena amy ty Vato i Bohana any anakilahy i Roveny zay. ¹⁸Nandroso sisiky amy ty ilany avaratsy i Beti-arabà zay sady nijotso nankamamia i Arabà any. ¹⁹Le nandroso nahazo th ilany avaratsy i Beti-Hogala ty faritany. Niafara tany ty helo-drano avaratsy any ty riaky-masira zay, amy ty sisiny antsimo. ²⁰Le nanjary faritany i Jordana ty ilany antinana. Zay ro lova ty fokoa i Benjamina, sady nanome th hisam-pokoan-drozy kirai-draiky zay, faritany isa-paritany, ty miodidy iaby. ²¹sady tanà ty fokoa i Benjamina rey manahaky ty hisam-pokoan-drozy ro Jeriko, ²²Beti-Hogla, Emeka Keziza, Bet-araba, Zemaraima, Betela. ²³Avima, Para, Ofra, ²⁴Kafera-hamony, Ofny, sady Geda. Folo roamby tanà rey, Anisa zay zana-bohitsiny rey. ²⁵Ao avao koa tanà i Gibeona rey, Ramà, Berota, ²⁶Mizpà, Kefirà, Mozà, ²⁷Rekema, Irpela, Taralà, ²⁸Zelà, Haelefa, Jebosita (Jerosalemazay), Gibeà, sady Kiriata. Folo efatsy amby tanà rey, anisa zay ana-bohitsiny rey. Zay ro lova i Benjamina ho ahy ty fokoan-drozy.

Chapter 19

¹Ty antsapaky faharoe ro lasa i Simeona ka le nitondroe ho ahy ty kirai-draiky amy fokoany rey zay. Ty lovan-drozy ro tanivo ty lova ze ahy ty foko a i Joda.²Nana an'i Beri-sheba, Seba, Molada,³Hazara-soala, Bala, Azema,⁴Eltolada, Betola, sady Horma ho lovany ndrozy.⁵Simeona avao koa ro nana an'i Ziklaga, Beti-markabota,⁶Beti-lebaots, sady Sarohena. Rey ro tanà folo telo amby, miaraky amy ana-bohitsinu.⁷Simeona avao koa ro nana an'i Aina, Rimona, Etera, sady Asana. Rey ro tanà efatsy, miaraky amy ana-bohitsiny.⁸Rey ro niaraky tamy ana-bohitsy miodidy tanà rey zisiky Bale-tabera (mitovy amy i Rama ta Negeva ao). Zay ro lova ty foko a i Simeona, namea fokoany rey.⁹Ty lova ty foko a i Aimeona ro nanomeza ty faritsy ty foko a i Joda. Safe tena bevata maré ho androzy ty anjara-tany nitondroe ho ahy ty foko a i Joda, lenandramby ty lovandrozy tamy ty anivo ty anjarany ty foko a i Simeona.¹⁰Ty antsapaky fahatelo ro azo ty foko a i Zebolona, sady nanome fokoany zay rey. Ty faritsy ty lovany ro nanomboky ta Sarida ao.¹¹Ty faritaniny niakatsy nanandrefa zisiky Marala any sady nahazo an'i Dabeseta; le niitatsy zisiky amy ty loham-baibon-driaky any ze tandrify i Jokneama.¹²Zisiky Sarida eo ty raritany ro niodiky manantinana le zisiky antinana any ka le zisiky amy ty faritany i Rislota-tabara any.¹³Zisiky eo ro nandeha zisiky Daberata any sady niakatsy zisiky Jafia any zay. Zisiky eo ro nandalo ty antinana zisiky Gata-hefera any zay, sady zisiky Rimona any sady niodiky nana Nea any.¹⁴Ty faritany niodiky manavaratsy zisiky Hanatona any sadyvniavara tamy gy loham-baibo i Jifta-ela any.¹⁵Tandrify amy faritsy io tanà i Katata rey, Nahalola, Simrona, Idala, sady Betlehema. Le tanà folo roa amby, miaraky amy ana-bihitsiny rey. Zay ro lova ty foko a i Zebolona, ze namea an'i¹⁶ fokoany---tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.¹⁷Ty antsapaky faha efatsy le nanjary i Isakara, sady namea fokoany rey zay.¹⁸Ty faritanin-drozy ro ahita an'i Jezirela, Kesolota, Sonema,¹⁹Hafraima, Siona, sady Anaharata.²⁰Tafilitsy amy zay avao koa Rabita, Kisiona, Abeza,²¹Rameta, Enganima, Enhada, Beti-pazera.²²Faritaniny rey avao koa ro nahazo an'3Tabara, Sahazoma, noho Beti-semesy, sady niafara ta Jordana ao. Le tanà folo enin'amby, miaraky amy ana-bohitsiny rey.²³Zay ro lova ty foko a i Isakara, sady namea foko a rey zay---tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.²⁴Ty antsapaky fahalimy ro nanjary ty foko a i Asera, sady namea fokoany rey.²⁵Tafilitsy amy ty fari-tanin-drozy i Helkata, Haly, Batena, Aksafa,²⁶Alameleka, Amada, sady Misala. Amy ty sisintany andrefa eo sady niitatsy zisiky Karmela noho Sihora-libnata any.²⁷Le niodiky manantinana zisiky Betidagona any sady nanalavitsy zisiky Zebolona any zay, sady zisiky amy ty loham-baibo i Jifta-ela any nanavaratsy zisiky Bet-emeka noho Neiela any. Le nitohy manavaratsy zisiky Kabola any zay.²⁸Le nandroso zisiky Ebrona any, Rehoba, Hamona, sady Kana, ka le zisiky Sidona bevata any zat.²⁹Ty faritany niodiky zisiky Rama any, sady le zisiky amy ty tanà mivala i Tyra any. Sady ty faritany niodiky ta Hosa any sady niafara tamy ty riaky eo, tamy ty fari-tany i Akziba ao,³⁰Oma, Afeka, sady Rehoba. Ropolo roamby tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.³¹Zay ro lova ty foko i Asera, sady namea fokoany rey zay---tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.³²Ty antsapaky faha eny ro lasa ty foko a i Naftaly, sady nameany ty fokoany rey zay.³³Faritanin-drozy ro zisiky Halefa any, zisiky amy ty terebinta any ta Zananima ao, zisiky Adami-hanekeba noho Jabniela any, zisiky Lakoma any; sady niafara ta Jordana ao zay.³⁴Ty faritany niodiky nanantinanzisiky Aznota-tabara anu sady zisiky Hokoka any; nahazo an'i Zebolona antimo eo zay, sady nahatsatsy an'i Asera ty tany andrefa noho Joda ty tany antinana any amy ty renirano i Jordana.³⁵Tanà mivala rey ro Zidima, Zera, Hamata, Rakata, Kinereta,³⁶Adama, Dama, Hazora,³⁷Kadesy, Edrehy, sady En-hazora.³⁸Nisy an'i Irona, Migdaela, Horema, Bet-anata, sady Beti-semesy avao koa. Rey ro tanà folo sivy amby, miaraky amy ana-bohitsiny rey.³⁹Zay ro lova ty foko a i Naftaly, sady namea fokoany rey zay---tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.⁴⁰Ty loka faha fito ro lasa ty foko a i Dana, sady namea fokoany rey zay.⁴¹Tafilitsy amy ty fari-tany lova i Zora zay, Estaola, Ira-semesy,⁴²Salabima, Aijalona, sady Itla.⁴³Tafilitsy anay zay koa Elona, Timna, Ekrona,⁴⁴teke, Gibetona, Baleta,⁴⁵Jehoda, Bene-beraka, Gat-rimona,⁴⁶Me-jarkona, sady Rakona miaraky amy ty faritany ampita i Jopa.⁴⁷Lafa bototsy tamin-drozy ty faritany ty foko a i Dana, le nanafiky an'i Lesema i Dana, nialy nanohitsy azy, nanasazy azyl Nivonon-drozy tamy ty meso-bey ty olo-iaby, nangalaky zay ho fanana, sady nipetsaky tao. Namean-xrozy anara vaovao i Lesema, nikaiky zay hoe Dana manahaky ty razambendrozy.⁴⁸Zay ro lova ty foko a i Dana, sady namea fokoany rey zay---tanà rey, miaraky amy ana-bohitsiny rey.⁴⁹Iafa nahavita ty fizara ty tany ho lovan-drozy, le nanome 19va tamin-drozy eo ho ahy i Josoa anakilahy i Nona ty olo lakon'Israely.⁵⁰Tamy ty alala ty lily i Yaveh ro nanomezan-drozy azy ty tanà ze nangatahany, Timna-sera amy ty tany vohitsy i Efraima ao. Nampoliny namboary ty tanà sady nipetsaky tao ie.⁵¹Rey ro lova ze nitondroe i Eleazara mpisoro, Josoa anakilahy i Nona, sady mpitari-pokoa ty longo ty razambeny rey tamy ty olo lakon'Israely ao, voatondro tamy ty loka ta Silo ao, taloha i Yaveh eo, tamy ty filira mana amy ty lay fitoheha eo ao. Ka le nahavita nanondro ty tany ndrozy.

Chapter 20

¹Sady Yaveh nivola tamy i Josoa hosao: ²"Miresafa amy ty olo lakon'Israely, manao hozao: "Tendreo tanà fialofa ze niresahako anao tamy ty tana i Mosesy rey. ³Anovo zay mba hafaha ze namono olo tsy ampizy mana any. Tanà rey ro ho toera fialofa amy ty olo ze mila hamaly faty ty lio ty olo ze voavono. ⁴Hitsoaky amy ty raiky amy tanà rey ie ka le hitsanga amy ty filira ty vavahady ty tanà eo, sady hanazava ty raha nahazo azy amy olo-bey tanà rey io. Bakeo le ho rambesin-drozy amy ty tanà ao ie sady hanome toera hipetsaha miaraky amin-drozy ho anazy. ⁵Laha misy raiky amin-drozy miezaky mamaly faty ty lio olo nivonoe iny, le tsy hamea olo lako rey an-tana eo amy manam-pahefa azy raiky ze nahafaty azy iny. Tsy tokony hanao zay ndrozy safe nahafaty tsy ampoizy mpiara-belo taminy iny ie, sady tsy nana fankahala taminy ie taloha any. ⁶Tsy maintsy mijano amy tanà zay ao ie zisiky-itsanganany anila ty egilizy eo ho tsarà, zisiky-mahafaty azy raiky ze nanompo manahaky ty mpisoro-bey tamy andro zay iny. Sady raiky ze namono tsy ampoizy iny olo iny le afaky himpoly an-tanàny any iny noho ty tsanony, sady amy tanà-brpevata ze nilaisany iny." ⁷Ka le niti gy an'i Kadesa a-Galilia ao tamy ty tany vohitsy i Naftaly ao, Sekema ao amy ty tany vohitsy i Efraima, sady i Kiriath-arba (mitovy amy i Hebrona) amy ty tany vohitsy i Jodia ao any Israelita rey. ⁸Tan-dafy ty Jordana antinana i Jeriko any, le nitingy an'i Bezera tambaliky any tamy ty tany lonaky any baka amy ty fokoa Robena; Ramota Gileada, baka amy ty fokoa i Gada ao; sady Golana a-Basana ao, baka amy ty fokoa i Manase ndrozy. ⁹Tanà rey ro nitinginy ho ahy ty olo lakon'Israely iaby noho ho ahy vahiny mipetsaky miaraky amin-drozy rey, mba hafaha ze nahafaty olo tsy ampoizy mitsoaky amin-drozy any ampilamina. Olo io ro tsy ho maty ty tana raiky ze niniry hamaly faty ty lio ze nalatsaky iny, zisiky-pitsanga olo voandraha iny anila ty egilizy eo.

Chapter 21

¹Sady lohany tamy ty fokoa Lovita ret namonjy an'i Eleazara mpisoro, an'i Josoa ana i Nona, noho mpitariky longo ty razamben-drozy tamy ty olo lakon'Israely eo. ²Ta Silo ao tamy ty tany Kanana le hoy ndrozy tamin-drozy hozao: "Nibeko anareo tamy ty tany i Mosesy Mosesy mba hanome anay tanà hipetsaha, miaraky amy ty tanim-biby ho ahy biby fiharinay rey."³Laha ty boky Yaveh, le namea ty olo lakon'Israely baka amy ty lovan-drozy tanà manaraky reto, miaraky amy ty tanim-bibin-drozy, ho ahy Levita rey.⁴Ty an-tsapaky tamy fokoa ty Kehatita eo rey le nanome vokatsy zao: Mpisoro rey__tariha i Arona ze baka amy Levita rey__le nahazo tanà folo telo amby baka amy ty fokoa i Joda, baka amy ty fokoa i Simeona, sady baka amy ty fokoab i Benjamina. ⁵Ty sisa tamy fokoa ty Kehatita rey le nahazo tanà folo tamy ty an-tsapaky baka amy ty isan-dongo ty fokoa i Efraima, Dana, sady baka amy ty an-tsasaky ty fokoa i Manase.⁶Bakeo ty tariha baka amy i Gersona namea, tamy ty an-tsapaky, tanà folo telo amby baka amy isan-dongo ty fokoa i Isakara rey, Asera, Naftaly, sady ty antsasaky ty fokoa i Manase a-Basana any. ⁷Olo lako ze tariha baka amy i Merary rey koa le nahazo tanà folo roa amby baka amy ty fokoa i Robena rey, Gada, sady Zebolona.⁸Laha zay le namea ty olo lakon'Israely an'i Levita rey, tamy ty an-tsapaky, tanà rey (miaraky any tanim-bibiny), manahaky ze fa nibekoa Yaveh tamy ty tana i Mosesy. ⁹Baka amy ty fokoa i Joda noho Simeona rey, le nanondro tany manahaky tanà manaraky reto ndrozy, tanisà manahaky ty anarany eto.

¹⁰Tanà rey ro namea ty tariha i Arona, ze anisa ty fokoa ty Kehatita, ze baka amay ty fokoa i Levy koa. Safe nilatsaky tamin-drozy tao ty an-tsapaky velohany.¹¹Le namea Israelita rey androzy i Kiriati-Arba (Arba ro baba i Anaka), azy tanà mitovy amy i Hesbona iny, amy ty tany vohitsy i Joda ao, miaraky amy tanim-biby miodidy rey zay. ¹²Fa baibo ty tanà rey noho ana-bohitsiny rey koa ro fa namea an'i Kaleba ana i Jefone, mba ho fananany.¹³Ho ahy ty tariha i Arona mpisoro ro namean-drozy miaraky amy tanim-bibiny Hebrona rey__ze tanà raiky filaisa ze namono olo tsy ampoizy rey__sady Libna miaraky amy tanim-bibiny rey, ¹⁴Jatira miaraky amy tanim-bibiny rey, sady Estemoa miaraky amy ty tanim-bibiny rey. ¹⁵Namean-drozy koa Holona miaraky amy ty tanim-bibiny rey, Debira miaraky amy ty tanim-bibiny rey, ¹⁶Aina miaraky amy ty tanim-bibiny rey, Jota miaraky amy ty tanim-bibiny rey, sady Beti-semesany miaraky amy ty tanim-bibiny rey. Sivy tanà ze azo baka amy ty fokoa roe rey.¹⁷Baka amy ty fokoa i Benjamina ro nahazoa an'i Gibeona miaraky amy ty tanim-bibiny rey, Geba miaraky amy ty tanim-bibiny rey, ¹⁸Anatota miaraky amy ty tanim-bibiny rey, sadt Almona miaraky amy ty tany miodidy azy rey__tanà efatsy. ¹⁹Tanà ze namea mpisoro rey koa, tariha i Arona rey, le tanà folo trlo amby laha aharo, anisa zay tanim-bibin-drozy rey.²⁰Laha ty sisa amy ty longo i Kehata__Levita ze ahy ty longo i Kehata rey__le namea androzy tamy ty an-tsapaky tanà baka amy ty fokoa i Efraima rey. ²¹Ndrozy ro nanomeza an'i Sekema miaraky amy tanim-bibiny rey tamy ty tany vohitsy i Efraima ao__tanà raiky filaisa ze namono olo tsy ampoizy rey__Gazera miaraky amy tanim-bibiny rey, ²²Kibzaima miaraky amy tanim-bibiny rey, sady Beti-horo miaraky amy tanim-bibiny rey__tanà efatsy ty fiharoany.²³Baka amy ty fokoa i Dana, ro nanomeza ho ahy ty fokoa i Kehata an'i Elteke miaraky amy ty tanim-bibiny rey, Gibetona miaraky amy ty tanim-bibiny rey, ²⁴Aialona miaraky amy ty tanim-bibiny rey, sady Gata-rimona miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà efatsy ty fiharoany.²⁵Baka amy ty an-tsasaky tu fokoa i Manase, ro nanomeza ho ahy ty fokoa i Kehata an'i Tanaka miaraky amy tanim-bibiny rey noho Gata-rimona miaraky amy ty tanim-bibiny__tanà roe. ²⁶Tanà folo laha aharo ty ahy fojoa i Kehatita sisa rey, anisa zay ry tanim-bibin-drozy.²⁷Baka amy ty an-tsasaky ty fokoa i Manase, ho ahy ty fokoa ty Gersona rey, le fokoa ty Levita hafa rey koa, sady ndrozy nanome an'i Golana ta Basana ao miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà raiky filaisa ze nahafaty olo tsy ampoizy rey, mbamy i Bestera miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà roe ty fiharoany.²⁸Ho ahy ty fokoa i Gersona ro nanomezan-drozy baka amy ty fokoa i Isakara koa i Kisona, mbamy tanim-bibiny rey, Daberata mbamy tanim-bibiny rey, ²⁹Jarmota mbamy tanim-bibiny rey, sady Enganima mbamy tanim-bibiny rey__tanà efatsy. ³⁰Baka amy ty fokoa i Asera, le namean-drozy Misala miaraky amy tanim-bibiny rey, Abdona miaraky amy tanim-bibiny rey, ³¹Helkata miaraky amy tanim-bibiny rey, sady Rehoba miaraky amy tanim-bibiny rey__tanà efatsy ty fiharoany.³²Baka amy ty fokoa i Naftaly, ro nanomezan-drozy an'i Gersona Kadesy a-Galilia any miaraky amy tanim-bibiny__tanà raiky filaisa ze nahafaty olo tsy ampoizy; Hamotadora miaraky amy tanim-bibiny rey, sady Kartana miaraky amy tanim-bibiny rey__tanà telo ty fiharoany. ³³Tanà folo telo amby laha aharo, baka amy ty fokoa i Gersona rey, miaraky amy tanim-bibiny rey.³⁴Ho ahy Levita sisa rey__fokoa i Merary rey__ro nanomza baka amy ty fokoa i Zebolona: an'i Jokneama miaraky amy tanim-bibiny rey, Karta miaraky amy tanim-bibiny rey, ³⁵Dimnà miaraky amy tanim-bibiny rey, sady Nahalola miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà efatsy ty fiharoany.³⁶Fokoa i Merary rey le nahazo baka amy ty fokoa i Robena: le i Bezera miaraky amy ty tanim-bibiny rey, Jahaza miaraky amy ty tanim-bibiny rey, ³⁷Kedemota miaraky amy ty tanim-bibiny rey, sady Mefata miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà efatsy. ³⁸Ankoatsy ty fokoa i Gada ro namea androzy Ramota a-Gileada any miaraky amy ty tanim-bibiny rey__tanà raiky filaisa ze nahafaty olo tsy ampoizy__sady Mahanaima miaraky amy

tanim-bibiny rey.³⁹Fokoa i Merary rey ro nahazo an'i Hesbona avao koa miaraky amy ty tanim-bibinh rey, noho Jazera miaraky amy ty tanim-bibiny rey. Tanà efatsy rey laha aharo. ⁴⁰Iaby rey ro tanà fokoa lako maré i Merary, ze baka amy ty fokoa i Levy__tanà folo roa amby laha aharo ro nanoneza androzy tamy ty antsapaky.⁴¹Tanà Levita rey nalà baka anivo ty tany ao azo ty olo lakon'Israely le tanà efapolo valo amby tao, miaraky amy tanim-bibiny rey. ⁴²Tanà kirai-draiky rey ro samby mana ty tanim-bibiny miodidy azy. Le manahaky zay tanà iaby rey. ⁴³Laha zay le namea Yaveh an'Israely ty tany iaby ze nifantany hamea razany rey. Le nandova zay Israelita rey Ka le nipetsaky tao. ⁴⁴Le namea Yaveh fijanona amy ty miodidy iaby ndrozy, manahaky ze nifantany tamy razany rey, Ndra raiky tamy fahavalony rey aza le tsy nisy afaky naharesy androzy. Le namea Yaveh tam-pelantanan-drozy eo ty fahavalony oaby ⁴⁵Ndra raiky tamy safa fampanantena soa eny ze nivolany Yaveh tamy ty tariha Israely aza le tsy nisy tsy tanteraky. Tanteraky iaby iaby ie iaby.

Chapter 22

¹Tamy fotoa zay Josoa ro nikaiky Robenita rey, Gadit, sady ty antsasa-pokoa i Manase. ²Hoy ie tamin-drozy hozo: "Fa tanteraky nareo iaby e nibekoa i Mosesy mpiasa Yaveh nareo. Nankatò ty feoko nareo tamy ze iaby nibekoko anareo." ³Tsy niala ty rahalahinareo nareo anay ze andro lako ze, zisiky-androany, sady tanteraky nareo andraikitsy rey ze nitake tamy ty alala ty lily Yaveh Njanaharinareo. ⁴Amy zao namea Yaveh Njanaharinareo fijanona rahalahinao rey, manahaky ze nampanantenany androzy. Laha zay mipmpolia sady mandehana amy ty lainareo any amy ty tany anananareo any, ze nameai Mosesy azy mpiasa Yaveh anareo iny amy sisiny i Jordana any. ⁵Fa embeno soa mba ho voaambu lily noho lalà ze nibekoa i Mosesy mpiasa i Yaveh nareo, le ty hitiava an'Yaveh Njanaharinareo, ty handehana amy ty lalany iaby, ty hiembena ty liliny, sady ty hiareta aminy noho ty hanompoa azy amy ty fonareo iaby noho ty fanahinareo iaby." ⁶Le nitsipi-rano noho nampoly androzy i Josoa, sady nimpoly tamy lainy any ndrozy. ⁷Sady ty antsasa-pokoa i Manase ro fa namea i Mosesy lova ta Basana any, fa ty antsasany hafa koa namea i Josoa lova tanila rahalahiny rey any tamy ty tany andrefa ty Jordana rey any. Josoa nampoly androzy tamy ty lainy any; nitsipi-rano androzy ie ⁸sady nivola famin-drozy hozo: "Mimpolia amy ty lainareo any miarakany amy ty jala bevata, noho biby fihary lako ro lako, noho volafoty noho volamena, noho saba noho vy, sady fisikina lako le lako. Zarao amy rahalahinareo rey ty tea tamy fahavalonareo rey." ⁹Sady ty tariha i Robena, ty tariha i Gada, sady ty antsasa-pokoa i Manase nimpoly noly, niala ty olo lakon'Israely ta Silo ao, ze tamy ty Kanana any. Niala ho amy ty faritany i Gileada any, amy ty tanin-drozy any, ze fananany, tamy ty fankatoava ty lily Yaveh, tamy ty alala ty tana i Mosesy ndrozy. ¹⁰Lafa niavy ta Jordana ao ze tamy ty tany Kanana ao ndrozy, ty Robenita noho ty Gadita sady antsasa-pokoa i Manase ro namboatsy alitara nanariny ahy ty Jordana, alitara tena bevata noho nalaza. ¹¹Ty olo lakon'Israely naharé zay ka le nanao hozo: "Ingo! ty olo lako-bevata, Gada, sady ty antsasa-pokoa i Manase namboary alitara taloha ty tany Kanana eo, Gelilota any, amy ty faritsy anila i Jordana any, amy ty ilany ze ahy ty olo lakon'Israely." ¹²Lafa naharé zay ty olo lakon'Israely, le niara-nibory ta Silo ao ty egilizy ty olo lakon'Israely iaby mba hiakatsy hamoro aly hanohera androzy. ¹³Sady ty olo lakon'Israely nandefa mpabday hafatsy ho amy ty Robenita any, ty Gadita, sady ty antsasa-pokoa ty Manase, amy ty tany Gileada any. Nandefa an'i Fineasy anakilahy i Eleazara avao koa ndrozy, mpisoro rey, ¹⁴sady mpitariky folo niarakany taminany, raiky isaky ty razambe-pilongoan'Israely, sady ndrozy kirai-draiky iaby ro fa loha ty longo tamy ty olo lakon'Israely ao. ¹⁵Niavy tamy ty olo lako i Robena any, Gada, sady ty antsasa-pokoa i Manase, tamy ty tany ty Gileada any ndrozy, sady hoy ndrozy taminany: ¹⁶"Zao ro volany ty egiliza i Yaveh iaby: 'Ino fivaliham-pitokia nanovinareo tamy Njanaharin'Israely zao, niala tamy ty fanaraha an'i Yaveh nareo amy zao amy ty alala ty fanamboaranareo alitara tam-piharoa tamy Yaveh tamy andro toy?' ¹⁷Tsy ampy antsika va ty fahotantsika ta Peora ao? Ze mbo tsy nahadiovantsika ty vatatsika tamy zay. Sady fahota zay ro nampisy areti-mandrava tamy ty egiliza Yaveh ao. ¹⁸Tsy maintsy hiala amy ty fanaraha an'Yaveh avao koa va nareo amy andro androany toy? Laha miharo amy Yaveh avao koa nareo androany, le heloky amy ty egiliza Israely iaby Ie hamaray. ¹⁹Laha voaloto ty tany ze anananareo, le tokony hanapaky amy ty tanybze misy ty tabernakely Yaveh any nareo sady mangalà fanana ho anareo aminay eo. Ka miharo amy Yaveh avao, ndra miharo aminay amy ty fanamboara alitara hafa ho anareo ankoatsy ty alitara Yaveh Njanaharintsika. ²⁰Moa va Angalà anakilahy i Zera tsy fa nandrava ho ahy Njanahary? Moa va tsy nirarakany tamy ty olo lakon'Israely iaby ty heloky? Sady tsy lahilahy raiky io ro maty noho ty helokiny." ²¹Sady ty fokoa i Robena, Gada, sady antsasa-pokoa i Manase namaly oloben-dongo Israely rey hozo: ²²"Tsitoha iny, Njanahary, Yaveh! Tsitoha iny, Njanahary, Yaveh! Laha tamim-piharoa ndra tamy ty fivaliham-pitokia tamy Yaveh zay, le ka hamalo fo zahay amy andro toy ²³ty amy ty nanamboaranany alitara mba hialany amy ty fanaraha an'Yaveh. Laha namboatsy ty alitara mba hafaha manojy fanojeza oroa, fanojeza hohany, ndra fanomezana-pilongoa zahay, le engao Yaveh hampanonitsy anay ty amy zay. ²⁴Aha! Tahotsy ro nananovanany zao safe laha tsy zay le mety hanontany ty anakinany ty anakinareo hozo: 'Moa va py ino amy Yaveh nareo, azy Njanaharin'Israely iny?' ²⁵Fa Yaveh fa nanao an'i Jordana ho faritsy manelanela antsika noho iha. Nareo olo lako i Robena noho olo lako i Gada, tsy hanao ndra ino ndra ino amy Yaveh nareo.' Laha zay ty ananareo ro mety hampijano ty ananany amy ty fanompoa an'Yaveh. ²⁶Ka le hoy zahay hozo: 'Manengà anay hampitsanga alitara amy sao, tsy ho ahy ty fanomezana oroa ndra soro, ²⁷fa mba ho vavolombelo aminay eo noho nareo, sady amy ty tariha afaran-tsika eo, fa hanantanteraky ty fanompoa an'Yaveh alohany tsika, amy ty alala ty fanomezana oroa, noho soro sady fanomezana-pilongoa anovontsika, ka le mba tsy hivolana ty ananareo amy ty ananany amy zay hozo: 'Tsy mana anjara amy Yaveh ao nareo.' ²⁸Sady ho zahay hozo: 'Laha tahiny ka le volany aminay ndra amy tarihanany rey amy zay zay, le hanovinany hozo: 'Ingo! Toy ro dika mitovy amy ty alitara Yaveh, ze namboary ty razambenany, tsy ho ahy ty fanomezana oroa, ndra soro, fa ho vavolombelo taminany eo noho nareo.' ²⁹Sanatsiavinany lahy ty hiharo amy Yaveh, noho hiala amy ty fanaraha Azy androany amy ty alala ty fanamboara

alitara ho ahy ty fanomeza oroa, ty fanomeza hany, ndra soro, hafa ankoatsy ty alitara Yaveh Njanaharintsika ze aloha ty tabernakeliny eo."³⁰Lafa ré i Fineasa azy mpisoro iny noho mpitariky tyvolo lako rey, ze oloben-dongo ty Israely niaraky taminy, le naharé safa nivolany ty Robena rey, Gada, sady manase, le soa tamin-drozy zay.³¹Le hoy Fineasy anakilahy i Eleazara azy mpisoro tamy ty olo lako ty Robena iny, Gada, sady Manase hozao: "Hainay amy zao fa amintsika eto Yaveh, safe iha tsy nanao fivaliham-panekea zay taminy. Amy zao iha nanavotsy ty olo lakon'Israely tamy ty tana Yaveh iha."³²Sady Fineasa ana i Eleazara mpisoro, noho mpitariky nimpoly baka amy Robenita rey any noho Gadita, tamy ty tany i Gileada ao ho amy ty tany Kanana any, ho amy ty olo lakon'Israely any, sady nanday valin-tsafa tamin-drozy.³³Nety tamy ty olo lako ty Israely ty alitaran-drozy. Nisaotsy an-Janahary ty olo lakon'Israely sady tsy niresaky ty hialy amy ty Robenita noho ty Gadita sasy, mba hamoteha ty tany ze nipetsahan-drozy³⁴"Vavolombelo" ro nanovy ty Robenita noho ty Gadita anara azy alitara iny, safe hoy ndrozy hozao: "Io ro vavolombelo aminay eo fa Yaveh ro Njanahary. "

Chapter 23

¹Lafa afaky andro lako, lafa nanome fijanona ho ahy ty Israely bala amy fahavalony iaby ao ze niodidy androzy Yaveh, sady antitsy noho nandroso tao Josoa. ²Le nampikaiky ty Israely iaby Josoa---olo-bey rey, mpitarikiny rey, mpitsarany rey, sady manam-boninahitsiny rey--- ka le nivola tamin-drozy hozao: "Tena antitsy zaho. ³Fa hitanareo ty raha iaby ze nanovy Yaveh Njanaharinareo tamy firenea iaby rey noho nareo, fa Yaveh Njanaharinareo ro nialy ho ahy nareo. ⁴Ingo! Fa nitondroko ho ahy nareo firenea ze mbo ho resé ho lova fokoanareo rey, miaraky amy firenea iaby fa naravako rey, nanomboky ta Jordana ao ka le zisiky amy ty Riaky Bevata andrefa any. ⁵Handroaky androzy Yaveh Njanaharinareo. Hanosiky androzy hiala aminareo Ie. Halany ty ty tanin-drozy, sady hangalaky ty tanin-drozy ho fanananareo nareo, manahaky ze nampanantena Yaveh Njanaharinareo anareo. ⁶Ka le matanjaha, mba hiembena moho hananovanareo ty iaby ze voasoratsy amy ty boky ty lalà i Mosesy ao, tsy hiala amy zay avao ndra manankavana ndra manankavia, ⁷mba tsy hifangaronareo amy firenea ze mijano ho aminareo rey ndra hanono anara ty njanaharin-drozy rey, mifanta amin-drozy, nanompo ndrozy, ndra miodriky amin-drozy. ⁸Fa koa, miareta amy Yaveh Njanaharinareo nareo manahaky ze fa nanovinareo zisiky amy zao. ⁹Fa Yaveh nandroaky talohanareo eo firehea bevata rey, matanjaky. Fa ho ahy nareo, tsy misy afaky mitsanga alohanareo eo zisiky androny. ¹⁰Ty lahikahy raiky amy ty hisanareo le hahavy ty arivo hilay, safe Yaveh Njanaharinareo, ro Azy mialy ho ahy nareo iny, manahaky ty nampanantenany anareo. ¹¹Miembena soa, mba hitiavanareo an'Yaveh Njanaharinareo. ¹²Nefa laha mimpoly noho miareta amy ze sisa velo firenea ze mijano aminareo eo rey nareo, ndra laha mifanambaly amin-drozy, ndra laha miaraky amin-drozy nareo sady ndrozy miaraky aminareo, ¹³le haiko vatany fa Yaveh Njanaharinareo tsy handroaky firenea rey hiala aminareo sasy. Fa koa, hanjary fandriky noho tonta ho anareo ndrozy, karavast an-dambosinareo ao sady fatiky amy ty masonareo eo, zisiky-mahafaty anareo amy tany soa ze namea Yaveh Njanaharinareo anareo toy eto. ¹⁴Zao le handeha amy ty lala ty tany iaby zaho, sady hainareo amy ty fonareo noho ty fanahinareo iaby fa tsy misy safa raiky tsy ho tanteraky tamy raha soa iaby ze nampanantena Yaveh Njanaharinareo anareo rey. Raha iaby rey ro fa hanjary ho anareo. Tsy misy raiky amin-drozy ho latsaky. ¹⁵Fa manahaky ty safa iaby nampanantena Yaveh Njanaharinareo anareo ka le tanteraky, le handay aminareo raha raty iaby rey Yaveh zisiky-handravany anareo tsy ho amy tany soa ze namea Yaveh Njanaharinareo anareo toy eto. ¹⁶Hanovy zay laha mandika ty fanenkea i Yaveh Njanaharinareo, ze nibekoany anareo mba hoembenanareo nareo. Laha mandeha noho manompo njanahary-hafa rey sady miondriky amy zay nareo, le hasiaky aminareo ty heloky Yaveh, sady ho maty malaky tsy ho amy ty tany soa ze nameany anareo eo nareo."

Chapter 24

¹Sady le nampiaraha i Josoa ta Sekema ao fokon'isarely iaby rey sady nikaiky olo bey rey ta Israely ao, mpitariky androzy rey, mpitsara rey, noho ty manam-pahefan-drozy, sady nampitoto ty vatan-drozy tanila Njanahary rey eo. ²Hoy i Josoa tany tybolo iaby hozo: "Zao ro volany Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny: 'Taloha fa ela biby any razambenareo rey ro nipetsaky tany sisiny ty renirano i Eofrata any—Tera, ty baba i Abrahama noho ty baba i Nahora—sady nanompo njanahary hafa rey ndrozy.³Fa nalako tambaliky i Efraita any ty babanareo ka le nandesiko tany ty tany Kanana any sady nameako tariha lako tany ty alala i Isaka ie. ⁴Sady nameako ho fanana i Esao ty tany vohitsy ahy i Seira, fa i Jakoba noho anany rey ro nijotso ta Egipta any.⁵Nandefa an'i Mosesy noho Arona Zaho, sady namaly Egiptiana rey tany ty areti-mandrava. Tafara zay, le nandesiko niboaky nareo. ⁶Nandesiko niboaky an'i Egipta razambenareo rey, sady niavy tan-driaky eny nareo. Nania anareo tany kalesa rey noho mpiondra-sovaly zisiky amy ty riaky mena any Egiptiana rey.⁷Lafa nikaiky maré an'Yaveh razambenareo rey, le nasiany haiky tanilanareo eo noho Egiptiana rey. Nandesiny tamin-drozy eo ty riaky sady nandrakotsy androzy. Nareo nahita ty nanoviko ta Egipta any. Bakeo nareo le nipetsaky tambaliky any tanay ty fotoa ela.⁸Nandesiko tany ty tany i Amorita any nareo, ze nipetsaky tany sisiny i Jordana eny. Nialy taminareo ndrozy, sady nameany tam-pelatananareo eo. Nalanareo ho fanananareo ty tanin-drozy, sady nitoroko tanilanareo eo ndrozy.⁹Sady nitsanga i Balaka ana i Zipora, mpanjaka i Moaba, sady nanafiky an'Israely. Nandefa sady nikaiky an'i Balama ana i Beora, mba hanozo anareo. ¹⁰Fa tsy nijanjy an'i Balama zaho. Nitahy anareo vatany ie. Ka le namonjy anareo tan-tanany any zaho.¹¹Niampy an'i Jordana nareo sady le niavy ta Jeriko ao. Mpitariky an'i Jeriko rey ro nialy taminareo, niaraky tany Amorita reto, Kananita rey, Hetita rey, Girgasita, Hevita rey, sady Jebosita rey. Nameako fandreseana nareo sady nampipetsaky androzy ambany ty fifehezanareo Zaho. ¹²Nandefasako fangarakany nareo, ze nampiala androzy noho mpanjaka i Amorita roe rey tanilanareo eo. Zay ro tsy nitsanga tany ty alala ty meso-benareo ndra ty kititsinareo.¹³Nameako tany ze mbo tsy nanovinao noho tanà ze mbo tsy namboara nareo, sady amy zao nareo le mipetsaky amy rey eny. Mihina ty voakazo ty tanom-boloky noho ty baibo oliva ze tsy nambolanareo nareo.¹⁴Amy zao matahora an'Yaveh sady nanompo Azy amy ty fahity noho amy ty fahamarina; fonao njanahary ze nitompoe razambenareo rey tambaliky ty Eofrata any noho ta Egipta ao, sady nanompoa an'Yaveh. ¹⁵Laha hitanao fa raty ty nanompo an'Yaveh, le tingino henanio ze ho tomponao, ndra njanahary ze nitomponae ty razambenareo rey tambaliky i Eofrata any, ndra najanahary Amorita rey, Ze tompo ty tany hipetsahanareo. Fa laha zaho noho ty longoko koa, ro hanompo an'Yaveh zahay.¹⁶Namaly olo lako rey sady nivola hozo: "Tsy hamono an'Yaveh mihintsy zahay mba hanompo njanahary hafa, ¹⁷safe Yaveh Njanaharinay ro nanday anay noho razambenay rey hiboaky ty tany Egipta, hiboaky ty tsano famantara bevata, noho ze nanao fahaiza bevata rey tamasonay eo, sady ze niaro anay tany ty lala iaby nandehananay any. ¹⁸Sady Yaveh ro nanday olo rey nitari-dala anay, anay zay ao Amorita ze nipetsaky tany ty tany ao rey. Laha zay zahay koa le hanompo an'Yaveh, safe Ie ro Njanaharinay."¹⁹Fa hoy i Josoa tany olo lako rey hozo: "Tsy mahazo nanompo an'Yaveh nareo, safe Ie ro Njanahary masy; Ie ro Njanahary saropiaro; Ie ro tsy hanenga fandika rey noho fahotananareo rey. ²⁰Laha mahafoty an'Yaveh nareo sady nanompo njanahary mpiavy rey, le himpoly Ie sady hampijaly anareo. Hanasazy anareo Ie, lafa baka nanao soa taminareo."²¹Fa hoy ty olo tany i Josoa rey hozo: "Aha, hanompo an'Yaveh zahay." ²²Sady hoy i Josoa tany olo lako rey hozo: "Nareo ro vavolombelo ty vatanareo fa nitingy an'Yaveh, mba ho tompoe." Hoasan-drozy hozo: "Vavolombelo zahay." ²³Amy zao le alao njanahary hafa ze miarakany aminareo rey, sady atolihy amy Yaveh Njanaharin'Israely ty fonareo."²⁴Hoy ty olo lako tany i Josoa rey: "Hanompo an'Yaveh Njanaharinay zahay. Hijanany ty safany zahay." ²⁵Nanao fifanenkea tany ty olo lako i Josoa tany andro io. Nampipetsaky lily noho lalà ta Sekema ao ie. ²⁶Nisoraty i Josoa tany ty boky ty lalà Njanahary ao sava rey. Nangalaky vato bevata ie sady napetsakiny tambany ty hazo terebinta eo ze tanila ty toera masy Yaveh eo.²⁷Hoasa i Josoa tany ty olo lako iaby hozo: "Ingo, vato toy ro vavolombelo manohitsy antsika. Naharé sava nivolanany Yaveh tamintsika rey ie. Ka le ho vavolombelo aminareo io. laha hohatsy ka mandà ty Njanaharinareo." ²⁸Sady le nalefa i Josoa kirai-draiky baka amy ty lovanany any olo lako rey.²⁹Tafara raha rey i Josoa ana i Nona, mpiasa Yaveh, le maty tany ty faha 110 taony. ³⁰Nalevin-drozy tany ty faritany ze nilovany any ie, ta Timnata-sera any, ze tany ty tany vohitsy i Efraima any, avaratsy ty vohitsy i Gasa.³¹Nanompo an'Yaveh Israely ranay ty andro-iaina i Josoa, noho tany ty andro ty olo bey ze niay nandilatsy an'i Josoa, ze niay ty raha-iaby ze nanovy Yaveh ho ahy Israely rey.³²Nandesy ty olo lakon'Israely niboaky an'i Egipta ty taolam-balo i Josefa sady nalevin-drozy ta Sekema any rey, amy azy ampahan-tany ze nivily i Jakoba rey ao, baba i Selema. Nivily zay tany ty volafoty zato raiky ie, sady nanjary lova ho ahy ty tariha i Josefa rey. ³³Maty avao koa i Eleazara anakilahy i Arona. Nalevin-drozy ta Gibeha any, renivohitsy i Finehasa anakilahiny, ze fa namea azy. Zay ro sava amy ty tany vohitsy i Efraima eny.

Judges

Chapter 1

¹Tafara ty nahafaty any Josoa, nanontany any Yaveh ty olo Israely, nanao hozo: "Ia ty hanafiky velohany any Kananita rey ho ahinay, mba hialy amindrozy?" ²Le hozo tiasa Yaveh: "Hanafiky i Joda. Ingo, fa nameako androzy ty fameheza ty tany toy." ³Azy lahilahy Joda rey nivola tany lahilahy Simeona, rahalahindrozy manao hozo: " Manganiha, miarakany aminay amy faritsy taninay ze voatingy ho ahinay fa tsika miharo ro afaky mialy amy Kananita rey any. Handeha hiaraky aminareo manahaky ze may faritsy tany ze notinginy ho ahinareo zahay." Le nanoriky androzy rey ty fokoa i Si meona.⁴Nanafiky ty lahilahy tiahy Joda, le nameandrozy ty fandrese any azy Kananita noho Perezita rey. Namono lahilahy ray aly tamindrozy ta Bezeka ndrozy. ⁵Nahita any Adonia Bezeka ta Bezeka ndrozy, le nialy tamindrozy ka nandresy azy Kananita noho Perezita rey.⁶Fa nikaiky any Adonia Bezeka, le nihagnindrozy le nitratsiny, le nitapahan-drozy ty tondroben-tanany noho ty tondro-be tombony. ⁷Le hozo tiasa i Adonia Bezeka: " Mpanjaka fitompolo, ze tapaha ty tondroben-tanany noho ty tondro-be tombony, ro namory ty sakafondrozy tambany ty lataboko tao. Manahaky ze fa nanoviko, le manahaky zay avao koa ty nanovin-Dranahare tamiko." Nandesindrozy ta Jerosalema ie, le nimaty tany.⁸Nialy tany tana i Jerosalema azy lahilahy i Joda rey sady nangalaky anizay. Nanafiky anizay tany ty lele mesobe be ndrozy sady nagnoro ty tana. ⁹Tafara anizay, nijotso hialy amy Kananita ze nipetraky tany tany anabo any rey, ta Nevega, noho tandrefa ty vohitsy milahatsy azy lahilahy i Joda rey. ¹⁰Nandroso nanohitsy azy Kananita ze nipetraky ta Hebrona tany i Joda (ty anara iHebrona taloha teo le i Kiriata Arba), le nandresy any Sesay, Ahimana, sady Talmay ndrozy.¹¹Bakeny ro nandrozy nanohitsy azy mpipetraky a Debira azy lahilahy i Joda rey (ty anara i Debira taloha teo le i Kiriaty Sefera). ¹²Hozo tiasa i Keleba: "Ndra ia ndra ia manafiky any Kiriaty Sefera sady mangalaky anizay, le hameako azy i Aksa, anakampelako, mba ho valiny." ¹³Otniela, anakilahy i Kenaza (zay kaleba lahilahy) nisambotsy any Debira, le namea i Kaleba azy i Aksa, anakampelany, mba ho valiny.¹⁴Tsy ela le niavy tany Otniela tany i Aksa, sady namporisiky azy hangataky amy ty babany mba hanome baibo raiky azy zay. laha nialy tany ty apondrany ie, le nanontany azy hozo i Kaleba: " Ino ty azoko anampea anao?" ¹⁵Le hozo tiasany aminy: "Omeo tsipy rano zaho. Safe fa nameanao ahyty tany ta Negeva, le omeo loharano avao koa zaho." Le namea ty Kaleba azy ty loharano ambony noho ty loharano ambany.¹⁶Ty tariha ty rafozan-dahy i Mosesy azy Kenita iny le niakatsy baka amy ty Tanan-drofia niarakany tany ty olo i Joda, nandeha anefitsy i joda tany, ze ta Negeva, mba hivelon hiaraky amy ty olo i Joda anila i Arada. ¹⁷Ty lahilahy i Joda nandeha niarakany tamylahilahy i Simeona rahalahindrozy sady nanafiky Kananita ze nipetraky ta Zefata ndrozy sady noravandrozy mihintsy zay. Ty anara ty tany iny le nikaiha hoe Horma.¹⁸Nosambory ty olo i Joda avao koa i Gaza noho ty tany mihodidy azy, Askelona noho ty tany mihodidy azy, e i Ekrona noho ty tany mihodidy azy. ¹⁹Niaraky tany olo i Joda rey Yaveh sady nangalaky ty tany abo ndrozy, fe tsy afaka nandroaky azy mpipetraky tany malemy noho ty hanagnandrozy ty kelesy vy. ²⁰Namea any Kaleba i Hebrona (araky ty fa nambara i Mosesy), le noroasiny tao ty anakilahy telo tiahy Anaka. ²¹Fe tsy nandroaky Jebosita ze nipetraky ta Jerosalema tao ty olo i Benjamina. le nipetraky niarakany tany ty olo i Benjamina ta Jerosalema ta azy Jebosita rey zisiky henanizao. ²²Ty longo i Josefa le nihentsy hanafiky any Betela, le niaro androzy Yaveh. ²³Nampaniraky lahilahy hitsikilo any Betela ndrozy (azy tana ze nikaiha hoe Lozy taloha teo) . ²⁴Nahita lahilahy niboaky ty tana azy mpitsikilo rey, le hozo tiasandrozy taminy: "Mba ampitoror anala lahy ty fomba hilira amy tana io ao, le ho soa fanahy aminareo zahay."²⁵Le nampitoroany androzy ty lala mandeha amy tana iny ao, le nanafiky ty tana amy lela-mesobe ndrozy, fe nengandrozy nandeha azy lahilahy noho ty longony. ²⁶Bakeo le nandeha amy tany Hetita rey azy lahilahy iny le namboatsy tana tany sady nikaihany hoe Lozy zay, zay ty anarany zisiky henanizao. ²⁷Tsy noroasy ty olo tiahy Manase ty olo nipetraky tany tany i Beta sana noho azy ana-bohiny rey, ndra i Tanasa noho azy ana-bohiny rey , ndra azy ze nipetraky ta Dora noho azy anabohiny rey, ndra ze azy nipetraky ta Iblema noho azy ana-bohiny rey, ndra ze nipetraky ta Megido noho ana-bohiny rey, safe fa tepe-kevitsy hipetraky amy zay tany zay azy Kananita rey. ²⁸Lafa nanjary natanjaky azy Israely rey, le niseren-drozy tany asa mare Kananita rey, fe mbo tsy nandroaky androzy mihintsy ndrozy.²⁹Tsy noroasy Efraima azy Kananita ze nipetraky ta Gezera tany rey, le nipetraky ta Gezera tamindrozy rey avao Kananita rey.³⁰Tsy noroasy i Zebolona ty olo nipetraky ta Kitrona tany, ndra ty olo nipetraky ta Nahalola tany, le nipetraky tamindrozy avao azy Kananita rey, fe nisere i Zebolona hanompo androzy tany ty asa mare azy kananita rey.³¹Tsy noroasy Asera azy olo nipetraky ta Ako any rey, ndra ty olo nipetrakyta Sidona, ndra azy nipetraky ta Alaba, Akziba, Helba, Afika, ndra Rehoba. ³²Le nipetraky tany Kananita rey ty fokoa i Asera (azy ze fa nipetraky tany tany iny tao) , safe tsy nandroaky androzy rey rozy.³³Tsy noroasy ty fokoa i Naftaly azy ze nipetraky ta Beta Semesa reny, ndra azy ze nipetraky ta Beta Anata. Le nipetraky tany Kananita rey teo ty fokoa i naftaly(olo fa nipetraky tany zay tany zay) Ndra zay aza, sere tanay ty asa mare hoahy Naftaly azy mpipetraky a

Beta noho Semesa noho Beta Anata rey.³⁴Sere Amorita rey hipetraky amy tany abo ty foko a i Dana, le tsy nengany hijotso amy ty tany malemy ndrozy.³⁵Le nipetraky tambohity i Heresa, ta Aijalona tany, le ta Salbima azy Amorita rey, fe ty miaramila mahery ty longo i Josefa nandresy androzy, le nisendrozy hanompo azy amy ty asa mare ndrozy.³⁶Nihitatsy baka amy ty anabo i akrobima a Sela any niakatsy nagnaniky baka amy ty anabo ty sisintandrozy Amonita rey.

Chapter 2

¹Niakatsy baka amy Gilgala nandeha a Bokima ty anjely Yaveh, le nanao hozao: "Nanday anareo niakatsy avy baka Egypta Zaho, sady nanday anareo tamy tany nifantako homea ty raanareo. Hozao tiasako: 'Tsy handrava ty fifanarahako aminareo mihintsy Zaho. ²Ka manao fanenkea amy ze mipetraky amy tana toy ao nareo.' Tokony horavanareo ty alitarandrozy.' Fe tsy nijanjy ty feoko nareo. Fa ino ty nanovinareo?" Le henanizao zaho le mivola hozao: "Tsy handroakyazy Kananita rey anatrehanareo Zaho, fa hanjary fatiky anilanareo ndrozy, sady ndranahariny le hanjary fandriky ho ahinareo.'" ⁴Lafa nivola safa rey tamy ty olo Israely iaby ty anjelin-Dranahare, le nikoraky noho nitany ty lo. ⁵Nikaihindrozy hoe Bokima zay toera zay. Nanesy fanday hoahy Yaveh tao ndrozy. ⁶Lafa nampaniraky ty olo tamy ty lalandrozy rey i Josoa, le nandeha amy toera notingy ty olo Israely kiraikiraiky, mba hangalaky ty tanindrozy. ⁷Nanompo any Yaveh zisiky nahavelo azy i Josoa noho lohola ze mbola nivelo tafara ty olo, sady azy ze nahitaky ty asa bevata Yaveh iaby nanoviny hoahy Israely. ⁸Josoa anakiahy i Nona mpamompo Yaveh, le nimaty tamy faha 110 taonany. ⁹Nandevy azy tamy ty faritsy ty taniny amy nitingina azy ta Timnata-heresa tao ndrozy, tamy tany anabo i Efraima, avaratsy ty vohitsy i gasa. ¹⁰Zay tariha iaby zay avao koa le navory hoamy ty razandrozy. Nisy tariha hafa nitombo tafaran-drozy ze tsy nahay any Yaveh ndra ze nanoviny tamy Israely tao. ¹¹Nanao ze raty tamaso Yaveh tao ty olon'Israely sady nanompo any Bala ndrozy. ¹²Nisaraky tamy Yaveh ndrozy, ty Ndranahare ty razandrozy, ze nanday androzy niboaky baka amy tany Egypta ao. Nanoriky ty ndranahare hafa ndrozy, azy le vatany ndranaharendrozy olo ze nihodidy androzy rey, sady nandohaliky tamindrozy. Nampihetsiky ty heloky Yaveh ndrozy safe ¹³nisaraky tamy Yaveh sady nanompo any bala noho Astarta rey. ¹⁴Nahazo tamy Israely ty heloky Yaveh, sady nameany any azy mpanafiky ze nangalatsy ty hanagnandrozy tamindrozy. Navarotsiny ho andevo ze voatanjaky tamy ty hery ty fahavalo mihididy androzy rey, mba tsy hahaizandrozy miaro ty vatany amy fahavalony rey sasy. ¹⁵Ndra aia ndra aia nandinan'Israely nialy, ty tana Yaveh le nanohitsy androzy mba handresy androzy, araky ty nifantany tamindrozy sady tanay ty fijalea mampangaroharo ndrozy. ¹⁶Le Yaveh nanondrotsy mpitsara, ze namonjy androzy tamy ty tana ze nangalatsy ty hanagnandrozy rey. ¹⁷Fe tsy nijanjy ty mpitsarany ndrozy. Tsy nahatoky tamy i Yaveh ndrozy sady nanome ty vatany manahaky ty mpaherilha tamy ty njanahary-hafa rey noho nanompo rey. Nivio malaky tamy lala nifanta ty razany rey ndrozy_ze nanoriky ty lily Yaveh_fe tsy nanovin-drozy manahaky anizay. ¹⁸Lafa nanondrotsy mpitsara hoahindrozy Yaveh, nanampy azy mpitsara rey Yaveh, sady namonjy androzy tamy ty fahavalondrozy tamy andro iaby nifantany mpitsara rey. Niferinay androzy Yaveh laha nisento noho ze nampijaly noho nampijale androzy ndrozy. ¹⁹Fa lafa nimaty ty mpitsara, le niala noho nanao ze raha ze raty mare tany nanovy ty razany aza ndrozy. Nanoriky ty ndranahary hafa mba hanompo noho hanompo azy ndrozy. Nanda hiala tamy fanaony raty iaby rey ndra tamindrozy lala ty herilohany ndrozy. ²⁰Nirehitsy tamy Israely tyheloky Yave; hozao Tiasany: "Safe ty firenena toy le nandrava ty saffa ty fanekeko ze nengako hoahy ty razany rey_ safe tsy nijanjy ty feoko ndrozy_ ²¹Manomboky, henanizao Zaho, le tsy handroaky alohandrozy rey eo ndra ty raiky amy firenena ze nenga i Josoa lafa nimaty ie. ²²Hanao anizay zaho mba ahaizako mitsapa any Israely, ndra hidary ty lily Yaveh noho handeha aminizay ndrozy na aha, Manahaky ty nidaria ty razandrozy." ²³Zay ty antony nanenga Yaveh azy firenena rey noho tsy nandroasany androzy malaky tao sady nanomezandrozy tanatreha i Josoa.

Chapter 3

¹Le Yaveh nanenga firenena rey mba hahazany Isrealy, ty olo iaby ta Israely ze tsy mana fahaiza tamy ty aly le nialy ta Kanana tany. ²(Nanao anizay ndrozy mba hampianara aly any tariha Israelita vaovao ze mbo tsy nahay anizay taloha teo). ³Retia iaby firenena rey: azy mpanjaka limy baka amy Filistina, azy Kananita rey iaby, azy Sidonia rey iaby, sady Hivita ze nipetraky tamy vohitsy Libanona tany rey, baka amy ty vohitsy i Bala-hermona le zisiky a Lalana Hamata. ⁴Nenga azy firenena rey, zay ty fomba nitsapa Yaveh any Israely rey, mba hamatoha ndra manoriky ty lily ze namea ty razambendrozy baka tamy alala i Mosesy ndrozy. ⁵Lafa zay azy olon'Israely rey le nipetraky tamy Kananita rey eo, azy Hetita rey, azy Amonita rey, Peizita rey, Jebosits rey. ⁶Azy anakampelandrozy rey le nalan-drpozy mba ho valin-drozy, le ty anakampelan-drozy manoka le namean-drozy hoahy ty anakilahin-drozy, le nanompo ty ndranahariny ndrozy. ⁷Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ty olon'Israely le nagnaligno any Yaveh Ndranaharindrozy. Nanompo any Bala noho Aseraha ndrozy. ⁸Lafa zay, le nahazo any Israely ty heloky Yaveh, , le navarotsiny tan-tana i Kozana-risataima mpanjaka any Arama Haharaima ndrozy. Nanompo any Kozana-risataima naharitsy valo tao ty olon'Israely. ⁹Lafa nikaiky mare any Yaveh ty olon'Israely, le nanondrotsy ty olo mba ho avy hamonjy ty olon'Israely Yaveh, sady nanavotsy androzy: Otniela anakilahy i Kenaza⁹ zainy Kaleba). ¹⁰Nanome hery azy ty fanahy Yaveh, sady nitsara any Israely ie le niboaky tamy ty aly. Namea Yaveh fandreseha tanatreha i Kozana- risataima mpanjaka tiahy Arama ie. Nandresy any Kozana-risataima ty tana i Otniel. ¹¹Naharitsy efapolo zay le nilamy ty tany. Bakeo le nimaty i Otniea anakila i Keneza. ¹²Tafara anizay, le mbo nanao raty tamasony Yaveh teo avao koa azy Israelita rey, le nanome hery any Eglona mpanjaka i Moaba mba hampandresy any Israelita rey i Yaveh. ¹³Niharo tamy Amona noho Amalekita rey i Eglona, le nandeha ndrozy le nandresy any Israelita rey, le nalan-drozy ho hanagnany ty tanan-drofia. ¹⁴Nanompo any Eglona mpanjaka tiahy Moaba naharitsy folo valo amby tao ty olon'Israely. ¹⁵Lafa nikaiky mare any Yaveh ty olon'Israely, le nanondrotsy olo raiky Yaveh hanampy androzy, Ehoda anaky Gera, Benjamita, Lahilahy kavia. Nandefa azy niaraky tamy fandoava habandrozy, tamy Eglona mpanjaka i Moaba tany ty olon'Israely. ¹⁶Nanamboatsy mesobe raiky ze nisy lela roe ho tiazy i Ehoda, hakiho raiky ty halavany; nafehiny tambany ty sikiny tamy feny ankavany teo zay. ¹⁷Nameany any Eglona mpanjaka i Moaba azy fanomeza iny. (Le i Eglona le lahilahy bevata biby.) ¹⁸Tafara ty nanomeza i Ehoda azy fandoavan-kaba iny, le nandeha niaraky tamy ze nanday anizay ie. ¹⁹Laha ty amy Ehoda aloha, lafa niavy tamy ty toera ze nisy azy sary vongandraha nanovy tanila i Gilgala teo ie, le nitoliky sady nimpoly ie, sady nivola hozao: "Mana sekire ho tiahinao zaho, lahy mpanjakako." Le nivola hozao i Eglona: "Mintsigna!" Le niboaky ty efitsy azy nanompo azy rey iaby. ²⁰Niavy taminy teo i Ehoda. Nipetraky raiky ty mpanjaka, i raiky avao ro tamy manintsininty tamy efitsy trano anabo tao. Hozao tiasa i Ehoda: "Mana hafatsy baka amy Ndranahare ho ahinao zaho." Nitsanga baka amy fipetrahany teoty mpanjaka. ²¹Nanampatsy Ehoda ty tanany an-kavia le napotany baka amy ty feny ankavana ty mesobe, le natsobony tamy vata ty mpanjaka zay. ²²Azy taho-mesobe taminy teo le nanoriky ty lambosiny. Niboaky baka an-dambosiny tao azy tendro mesobe iny sady nanaro anizay ty havondraha, fa tsy nahapotaky azy mesobe tamy tsarotsiny i Ehoda. ²³Bakeo le niboaky tan-davaranga teo i Ehoda sady nandrindry ty varavara ty efitsy anabo sady nagnily anizay. ²⁴Lafa nandeha i Ehoda, le niavy azy mpanompo mpanjaka rey; nihitandrozy fa mihily azy varavara ty efitsy anabo, le nieritseritsy hozao ndrpy: "Le vatany azo antoky fa mangalaky tsitsioky anefitsy anabo ao ie." ²⁵Nitombo ty fisalasa ndrozy zisisky nahaizandrozy fa tsy nampisy dikany ty asany ndrozy lafa mbo tsy namoha ty varavara tamy efitsy anabony ao azy mpanjaka iny. Le nalan-dozy ty lakile, le nivohan-drozy, le niravoky teo ty tompony, tonta tamy tany, le nimaty. ²⁶Laha tampandignisa azy mpanompo rey, le nanontany ty vatany amy ty tokony hanovy ndrozy, nilay i Ehoda le nanalavitsy azy toera nisy ty sary vonga ndraha samboary tamy ty sampy, lafa zay le nilay ta Seirata tany ie. ²⁷Lafa niavy ie, le nitsioky ty trompetra raiky tamy ty tany abo tiahy Efraima teo . Le nijotso niaraky taminy baka amy tany abo ty olon'Israely, le ie ro nitariky androzy. ²⁸Hozao tiasany tamindrozy: "Magnorihia ahy, fa hanaresy ty fahavalonareo rey Yaveh, le azy MOabita rey." Nagnoriky azy ndrozy sady nisambotsy ty fita i Jordana azy fandalova i Moabita rey, Le tsy nanenga ndra ia ndra ia hiampita tyrenirano ndrozy. ²⁹Tamy fotoa zay le namono lahilahy Moabita tamy ray aly teo ndrozy, sady lahilahy natanjaka noho mahavita azy ndrozy iaby. Tsy nisy afaky nilay. ³⁰Sady tamy zay andro zay le Moabita rey le resy ty mpanjaka Israely, le nilamy naharitsy valopolo tao ty tany. ³¹Tafara i Ehoda le i Samgara anakilahy i Anata ze namono olo 600 tamy Filistina rey tamy hazo fanindrona biby fihary ro mpitsara nanoriky. Nanafaky any Israely tamy loza avao koa ie.

Chapter 4

¹Tafara ty nahafaty any Ehoda, le nanao ze raty tamaso Yaveh ndraiky ty olon'Israely. ²Navarotsy Yaveh tan-tana i Jabina mpanjaka i Kanana ze nanjaka ta Hazora tao ndrozy. Ty nara ty mpitariky ty miaramilany le i Sisera, le nipetraky ta Haroseta any Jentilisa rey ie. ³Nitoreo mare tamy Yaveh ty olon'Israely, safe nana kalesy sivan-jato Sisera sady nampijale ty olon'Israely tamy ty heriny naharitsy ropolo tao ie. ⁴Le Debora, ampela mpaminany (valy i Lapidota), ro nitariky ty fitsara ta Israely tao tamy fotoa zay. ⁵Nahazatsy azy ty mipetrapetraky tambany ty rofia i Debora tanelanela i Rama noho Betela tamy tany abo i Efraima tao, le ty olo Israely nandeha taminy tany mba hanenga ty tsy fifaranhan-rozy taminy. ⁶Nampaniraky any Baraka anakilahy i Abinoama baka aKadesy a Naftaly ao ie. Hozao tiasany taminy: "Yaveh, lahy Ndranahary ambohitsy Tabara any, le nanday lahilahy ray aly baka a Naftaly noho Zebolona tany. ⁷Hanapotaky any Sisera, mpanjaka i Jabina Zaho, mba hifankahita aminareo amy renirano Kisona eo, miaraky amy kaleiny noho ty miaramilany, sady hanome anao fandreseha androzy rey Zaho." ⁸Hozao tiasa i Baraka taminy: "Laha miaraky amiko iha, le handeha zaho, fe laha tsy magniriky ahy iha, le tsy handeha zaho. ⁹Hozao tiasany: "Le vatany hiaraky aminao zaho. Ndra zay aza, ty lala ze andinao le tsy hitariky anareo amy voninahitsinareo, fa hamarotsy any Sisera an-tana ty ampela Yaveh." Le nanganiky i Debora le naraky tamy baraka nandeha a Kadesy any. ¹⁰Nikaiky azy lahilahy tiahy Zebolona noho Naftaly mba hiaraky ho a Kadesy any i Baraka. Lahilahy ray aly ty nanoriky azy, le nanoriky azy i Debora. ¹¹Le i Hebera (azy Kenita iny) nisaraky tamy Kenita _tariha i Hobaba rey ndrozy 9 rafoza i Mosesy lahlahy) _ le namboatsy ty lainy tamy terembinta ta Zananima tanila i Kadesy tany ie. ¹²Lafa nivolanin-drozy tamy Sisera fa niakatsy tam-bohitsy tabara tany i Baraka anakilahy i Abinoama, ¹³le nikaiky mare ty kalesiny iaby i Sisera, kalesy sian-jato, le azy miaramila ze naoriky azy iaby, baka a Haroseta ty Jentilisa le zisiky amy Renirano i Kosona. ¹⁴le hozao tiasa i Debora: "Mandina! Fa toy ty andro ze nanomeza Yaveh fandreseha ho ahinareo amy Sisea eo. Vasa tsy mitariky anareo Yaveh?" Le nijotso baka ambohitsy tabara niaraka tamy lahilahy ray aly nanoriky azy i Baraka. ¹⁵Nampialy Yaveh azy miaramila i Sisera rey, azy kalesiny iaby, sady miaramilany iaby rey. Nanafiky androzy ty lahilahy i Baraka le nijotso tamy kalesiny i Sisera le nilay an-tomboky. ¹⁶Fa nigindigny i baraka baka a Haroseta ty Jentilisa azy kalesy noho miaramila rey, le ty miaramila i Sisera iaby le novonoa tamy ty lele meso be, le tsy nisy velo ndra lahilahy raiky aza. ¹⁷Fe i Sisera nilay an-toboky tamy lay i Jela, valiny Hebera Kenita, safe nilongo i Jabana mpanjaka tiahy Hazora, noho ty longo i Hebera Kenita. ¹⁸Niboaky hifankahita amy Sisera i Jaela le nanao hozao taminy: "Miodaha, laha tompoko, miodaha amiko atoy sady ka mavaka." Le niodaky taminy tany ie le nilitsy tamy lainy ie, le nilingofany tamy kotso ie. ¹⁹Hozao tiasany taminy: "Mba omeo rano kely ho hinoma lahy zaho, fa marandrano." Namoha kitapo-dronono holitsy ie sady nanome azy honominy, bakeo le nilongofany ndraiky ie. ²⁰Hozao tiasany taminy: 'Mitsangana ambaravara ty lay. laha misy olo avy sady manontany manao hozao: "Misy olo va atoa?", Le volano hozao: 'Aha.' ²¹Le i Jaela (valin'i Hebera) fitsatoha ty lay noho tivalativalan-kazo tan-tanany teny le nilitsy nitingatingata taminy tao, fa lentin-dror mare ie, sady ty namango tamy tsaton-day tamy ty tivalavalan-kazo tamy ty faritsy ty lohany teo ie le nitsatoky taminy zay le nirava tamy ty tany le nimaty ie. ²²Lafa nagnia any Sisera i Baraka, le naniry hiboaky hifankahita aminy i Jaela sady nanao hozao taminy: "Avia, ampitoroako anao ty lahilahy ilanao." Le naraky nilitsy taminy ie, le ingo i Sisera maty niampatsy, niaraky tamy ty tsaton-day tanila ty lohany teo. ²³Le tamy andro zay ro nandresen-Dranahare any Jabina, mpanjaka i Kanana, taloha ty olon'Israely. ²⁴Ty hery ty olo Israely nihanatajaky avao taloha mpanjaka i Kanan teo, zisiky handravandrozy azy.

Chapter 5

¹Tamy andro zay Debora noho Baraka anaky Abinoama le nihira toy hira toy: ²"Lafa mitariky azy mpitariky a Israely ai, lafa manesy ty vatany amy ty fifalia ho amy aly ty olo le manompo any Yaveh tsika!³Mijanjina, nareo mpanjaka! Mifantoha nareo mpitariky! Zaho!, zaho le hihira hoahy Yaveh; hihira fanompoa hoahy Yaveh, azy Ndranahare Israely zaho. ⁴Yaveh, lafa niboaky baka ta Seira tao Iha, lafa nandeha baka Edoma tany iha, le nangitikitiky ty tany, le ningitikitiky koa ty lanitsy; le ty raho nandatsaky rano avao koa.⁵Nangitikitiky tanatreha tavany Yaveh ty vohitsy; eka ndra ty Vohitsy Sinay aza le nangitikitiky tanatreha ty vatany Yaveh, azy Ndranahare Israely. ⁶Tamy ty andro i Samgara (anakilahy i Anata), tamy ty andro i Jaela, nenga ty lalam-be sady ze nandeha rey avao ro nampiasa azy sakeli-dala miadokodaky rey.⁷Tsy ampy ty mpialy ta Israely tany, zisiky anapahako, zaho Debora—azy reny nanapaky ta Israely tao! ⁸Tamy ndrozy mbo nitingy ndrnahare vaovao, le nisy aly tamy vavahady ty tana teo fe tsy nisy fialia ndra lefo hita tamy olo efatsy aly ta Isarely tao rey.⁹Ty foko mankasitraky ty mpanapaky ty Israely, maraky amy ty olo ze nanolo-bata ampifalia—isaorantsika Yaveh noho ndrozy! ¹⁰Eritrereto zao ___nareo ze mitikitsy apondra foty mipetraky amy lama ho takalo ty lasely, sady nareo ze mandeha amy ty lala.¹¹Janjino ty feo ze mihira amy ty tany fanondraha rey. Any ty ivolanandrozy avao ty ha to ty asa Yaveh, noho ty fahitia ty asa mpialiny ta Israely rey. Bakeo le nijotso tamy vavahady ty tana azy olon'Yaveh rey.¹²Mifohaza, mifohaza, lahy Debora! Mifohaza, mifohaza, mihira fihira! mitsangana, lahy Baraka, andeso ty gadranao, iha anakilahy i Abinoama lahy. ¹³Bakeo le nijotso tamy olo manam-boninahitsy azy sisa velo rey; nijotso tamiko eo niaraky tamy mpialy ty olon'Yaveh. ¹⁴Baka ta Efraima tany ndrozy, ty fototsin-drozy le a Amaleka any; nanoriky nareo ty olo i Benjamina. Nijotso baka aMakira any mpifehy rey, le baka a Zebolona any azy ze nanday ty bokay ty manam-boninahitsy.¹⁵Niaraky tamy Debora azy mpanjakako ta Isakara tao; le Isakara niaraky tamy Baraka nikorapaky nanoriky azy tan-tany malemy ze tambany ty fifehezany. tamy fokoa i Robena tao le nisy faniria ty fo bevata.¹⁶Manino iha ro mipetraky anivo ty vala, mijanjy ty mpiamby ty aondry mitsoka y sodiny hoahy ty aondry noho ty aosiny? laha amy ty fokoa i Robena le nisy faniria fo bevata.¹⁷Niegnny tampita ty Jordana i Gileada; le i dana, nanino ie ro nivevy tanabo ty sambo eny? Niegnny tanila ty riaky i Asera sady nipetraky tanila ty fipetrahan-tsambo teny. ¹⁸Zebolona le fokoa nanao soro ty ainy baka amy ty fahfatesa, le i naftaly, avao koa, le tamy ty baibon'aly teo.¹⁹Niavy azy mpanjaka ter, nialy ndrozy; nialy ta Tanaka tanila ty rano i Megido rey teo ty mpanjaka tiahy Kanana rey. Fe tsy nangalaky volafoty ho ravandrozy. ²⁰Baka amy lanitsy eny ty nialia ty kintana, baka amy ty lalan-drozy heniky ty lanitsy ro nialian-drozy tamy Sisera. ²¹Nandesy Reniranoi Kisona rey ndrozy, azy renirano taloha biby, azy renirano i Kisona. Mandrosoa avao lahy fanahiko, mahereza! ²²Le nakaratakarataky ty hotson-tsovaly—milomay, le ty filaisa ty maheriny rey.²³HozaoMeroza!'hoasa ty anjely Yaveh. 'Hozao le vatany hozao ty mpipetraky aminy ao! —safe ndrozy tsy avy mba hagnampy any Yaveh—hanampy any Yaveh amy ty aly hanohitsy ty mpialy mahery.²⁴Notahia mandilatsy ty ampela iaby i Jaela, Jaela (azy valy i Hebera Kenita iny), notahia mandilatsy ty ampela iaby ze mipetraky an-dainy ao ie. ²⁵Rano ro nangatahy ty lahilahy iny le ronono ro nameany azy; nanandesany dibera tamy vinga natoka hoahy ty mpanjaka teo ie.²⁶Napitiny tamy tsatokan-day teo ty tanany, le ty tanany havana tamy ty tany ty tantana ty mpiasa; le namango any Sisera tamy azy tivalativalan-kazo ie, nipotepotehany ty lohany. Lafa nandefona ty firifany ie le nipotepotehany noho torotoro ty haran-dohany. ²⁷Nitonta tanelanela ty tombony ie, niravoky ie le nitonta teo.. tanelanela ty tombony ie niampatsy. tamy toera namonoa azy tamy ty heriloha ro nampiravoky azy.²⁸Nijilo tamy lafenety teo ie—nijilo tamy loadoaky ty lafenety ty reny i Sisera sady nikaiky mare tamy ty alahelo manao hozao: 'Nagnino ro ela mare vo niavy ty kalesiny? Nagnino ty hotro ty sovaly ze nitariky ty kalesiny ro ela?'²⁹Namaly ty hendry mare tamy ampela mpanjakany, le ty vata-tenany avao ro namaly azy manao hozao: ³⁰"Tsy efa nahita noho nizara ty gadra va ndrozy? Ampela raiky, ndra ampela roe hoahy ty lahilahy raiky; fandrava lamba mena hoahy i Sisera, fandrava lamba mena misy petakofehy, lamba mena roe misy peta-kofehy ho ambozo ty nandroba azy?"³¹Ho rava lahy ty fahavalonao iaby, lahy yaveh! Fa azy namanao rey avao koa le manahaky ty masoandro iaby miposaky amy ty heriny." Le nilamy naharitsy efa-polo tao ty tany.

Chapter 6

¹Nanao ze raty tamaso Yaveh ty olo Israely, sady nasesiny tan-tana Midiana naharitsy ty fito tao ndrozy.

²Nampijale any Israely ty fahefa Midiana. Noho ty Midiana, le nanao fialofa hoahindrozy tamy lavaka tam-bohitsy teny, tan-dava-bato, sady tamy fiarova mare ty olon'Israely.³Le saky namboly azy vokany rey ty Israelita rey, le nanafiky androzy ty Midiana noho ty Amelikita sady ty olo iaby baka antinana. ⁴Nenenga ty miaramilany tamy tany teo ndrozy sady nandrava ty vokatsy rey, tamy ty lala iaby mandeha a Gaza tany. Tsy nanenga hany hoahy Israely,ndra aondry, ndra biby fihary ndra ampondra ndrozy.⁵Saky manganiny ndrozy noho ty biby fihariny noho ty lainy, le manahaky galala lako ty fiaviandrozy, sady tsy hay hisafy ndra olo ndra ty ramevany rey. Nanafiky ty tany mba handrava anizay ndrozy. ⁶Le vatany nampijale any Israelita rey vatany ty Midiana ka zay nampikaiky mare an'Yaveh ty olon'Israely.⁷Lafa nikaiky mare any Yaveh ty olon'Israely noho ty Mediana rey, le nandefa mpaminany hoahy ty olo Israely Yvaveh. Hozao tiasa mpaminany rey tamindrozy: ⁸"Zao ty vola Yaveh, Ndranahare Israely: 'Nanday anareo niakatsy baka Egypta tany Zaho; nanday anareo niboaky baka amy trano fanandevoza Zaho.⁹Namonjy anareo tamy tana Egyptiana, noho tamy ty tana ty nampijale anareo iaby Zaho. Nandroaky androzy talohanareo teo, noho nanome ty taniny ho ahinareo zaho. ¹⁰Hozao Tiasako taminao: "Zaho ro Yaveh Ndranaharenareo; nandrara anareo tsy hanompo ty ndranahary ty Amonita , amy tany hipetrahanareo Zaho."Fe tsy nanoriky ty safako nareo."¹¹Le niavy ty anjely Yavehle nipetraky tambany hazo terembinta ta Ofra tao, ze ahy i Joasy (azy Abiezrita),lafa nampisaraky ty vary tamy ty famofoha anizay tamy ty tany, tamy fanamboara divay i Gideona, anaky Joasy_ mba hamonia anizay amy Midianita. ¹²Niseho taminy azy anjely yaveh le nivola taminy hozao: "Mikasiky anao yaveh, lahy mpiaky mahery!"¹³Hozao tiasa i Gideona taminy: "E, lahy tompoko, laha miaro anay Yaveh, nanino ro miseho aminay kila raha iaby zao? Aia ty asa mahatseriky ze nivolana ty razanay taminay, tamindrozy nivola hozao: "Tsy nanday anay hiakatsy baka Egypta va Yaveh?" Fe henanizaole efa nahafoy anay ka nanesy anay tan-tana Midiana teo Yaveh."¹⁴Nagnenty azy Yaveh le nivola manao hozao: "Afaho tan-tana Midiana eo Israely. Tsy efa nampaniraky anao va Zaho?" ¹⁵Hoasa i Gideona taminy: "Manao akory lahy Tompoko ro hamonjeako any Israely? Ingo, ty longoko ro mijale mare amy Menasa ao, sady zaho ro farany tsy misy dikany mare an-trano ty babako ao."¹⁶Hoasa Yaveh taminy: 'Hiaro anao zaho, sady handresy ty miaramila tiahy Midiana iaby manahaky ty olo raiky iha."¹⁷Hoasa i Gideona taminy, laha mahita fitea baka aminao zaho, le ameo famantara zaho fa iha vatany ro mivola amiko. ¹⁸Ka miala etoa lahy, zisiky hiaviako aminao etoa handay ty fanomeza sady hanengako anizay alohano eo."HOasa Yaveh: "Handigny zaho zisiky himpoliananao."¹⁹Le nandeha i Gideona le nanoma anak'aosy sady baka amy ty lafariny efaha raiky ro nananovany mofo tsy misy masirasira. Nanoviny tanay ty haro ty hena, le nanoviny tanay ty valany ty ronyle nandesiny taminy eo ambany hazo terebinta, sady natorony androzy.²⁰ Hozao tiasa ty anjely Ndranahare taminy: "Rambeso ty hena noho ty mofo tsy misy masirasira le engaho anabo ty vatolampy toy rey, sady araraho amy rey eo ty rony,"Le zay ty nanovy i Gideona.²¹Le ty anjely Yaveh nanampatsy ty tendro ty bokainy tamy ty tanany. Tamy zay ro nikasihany ty hena noho ty mofo tsy misy masirasira; nisy afo niakatsy baka baka amy vatolampy ao le nampitranaka ty hena noho ty mofo tsy misy masirasira. Bakeo le nandeha ty anjely Yaveh le tsy nahitaky androzy sasy i Gideona.²²Le i Gideona nahay fa anjely Yaveh ie. Hozao tiasa i Gideon: "Oh, lahy Yaveh Ndranahare! Fa nifanatra tava tamy anjely Yaveh zaho!" ²³Hozao tiasa yaveh taminy: "Fiadana lahy ho ahinao! Kamavaka, fa tsy ho maty iha."²⁴ Le nanamboatsy alitara ho ahiny Yaveh teo i Gideona. Nikaihany hozao: "Yaveh le fiadana"zay. Zisiky henany io le mbo mitsanga a Ofra ty fokoa i Abiezrita ao zay.²⁵Tamy haly zay le hozao tiasa yaveh taminy: "Alao ty aomby lahy tiahy babanao, le ty aomby lahy faha roe ze efa fito tao, ravao ty alitara ahy Bala ze tiahy babanao, le tapaho ty Aseraha ze anilanizay eo. ²⁶Manamboara alitara hoahy Yaveh Ndranaharinao anabo ty fitoera fialofa toy, le amboaro araky ty tokony ho ie zay. Aseseo ho fanday horoa ty aomby lahy faharoe, amy ty fampiasa ty hazo baka amy ty Aseraha ze notapahanao."²⁷Le nangalaky folo tamy ty mpanompony rey i Gideona sady nanao araky ze nivolany Yaveh taminy. Safe navaka mare ty longo ty babany noho azy lahilahy tan-tana tao rey hanao anizay ty andro raiky ie, le nanoviny tamy nankaly iaby zay.²⁸Lafa maray lafa nifoha ty lahilahy tan-tana tao, le nrava ty alitara i Bala, le ty Aseraha tanilany teo le notapaha, le ty aomby lahy faharoe le nanovy fanday tamy alitara teo mbo namboary. ²⁹Ty lahilahy tan-tana teo le nifampivola manao hoza: "Ia va ty nanao anio?"Lafa nivola tamy ty hafa ndrozy le nila ze valiny, le hozao tiasan-drozy: "Gideona anaky Joasy ro nanao raha zao."³⁰Le hozao tiasa lahilahy tan-tana rey tao tamy Joasa: "Aboaho ty anakinao mba hovoano ho maty, safe noravany ty alitara i Bala, sady notapahany ty Aseraha tamizay teo."³¹Hozao tiasa i Joasy tamy azy lahilahy ze nanohitsy azy rey: "Hifona ty raha misy hoahy i bala va nareo? Hamonjy azy va nareo? Ndra ia ndra ia hifoha ho tiazy, lafa maray koa le engaho ie ro hovonoa ho maty. Laha ndranahare i Bala, engaho ie hiaro ty vatany lafa nirava ty olo ty alitarany."³²Le tamy andro zay i Gideonale nokaihandrozy manao hozao:

"Jerobala,"safe hozao tiasan-drozy: "Engaho hiaro ty vatany i bala."safe fa nandrava ty alitara i bala i Gideona.

³³Le ty Midianita noho ty Amalekita noho ty olo iaby baka an-tinana any le niaraky nivory. Niampita ty Jordana ndrozy le nipetraky tamy malemy tiahy Jezirela teo.³⁴Fa niavy tamy Gideona ty fanahy Yaveh. Nitsoka ty trompetra, nikaiky ty longo i Abiezrita i Gideona, mba hananaran-drozy azy.³⁵Nandefa iraky heniky Manase iany ie, le ndrozy rey avao koa le voakaiky mba hanoriky androzy. Nandefa iraky hoahy Asera, Zebolona, le hoahy Nftaly avao ie, le niakatsy mba hifankahita aminy ndrozy.³⁶Hozao tiasa i Gideona tamy Ndranahare: "Laha mieritseritsy ty hampiasa ahy hamonjy any Israely Iha, araky ze nivolaninao_ ³⁷Ingo, zaho nanenga ty volo ty aondry amy ty famonoa . Laha misy ando amy ty volon'aondry eo, le ho hainao fa hampiasa ahy mba hamonjy any Israely Iha, araky ty fa nivolaninao."³⁸Lafa hamarainy le nifoha maray i Gideona_ le zao ty raha nisy, niaraky nifeazy ty volon'aondry, le nisy ando niboaky tamy volo ty aondry, ampy naha atrikey finga raiky ty rano. ³⁹Le hozao tiasa i Gideona tamy Ndranahare: "Ka eloky amikko, fa mbo hivola indraiky avao zaho. Engaho lahy zaho mba hanandra hampiasa idraiky ty volon'aondry. Ho maiky ty volon'aondry amy fotoa io, le enganie ho atrikey ando ty tany mihodidy azy."⁴⁰Tamy halin'iny le nanao ze nangatahany Ndranahare. Ty volon'aondry le maiky, sady atrikey ando tany tany iaby nihodidy anizay.

Chapter 7

¹Le nifoha maray i Jerobala(Gideona zay), noho ty olo iaby ze nanoriky azy, le nipetraky tanila ty loharanoi Haroda teo ndrozy. Ty toby i Midiana rey le tavaratsin-drozy tan-tany malemy tanila ty vohtsy i More.²Le hozao tiasa Yaveh tamy Gideona: "Lako mare amiko azy miaramila rey, mba hanomezako fandreseahoa hianao amy Midianita eo, mba tsy hirengerengeahoa ty Israely amiko, hanao hozao: 'Ty herinay ro namonjy anay.' ³Le henanizao, volano an-tsofy ty olo le volano hozao: "Ndra ia ndra ia mavaka, ndra ia ndra ia mangitikitiky, le engaho ndrozy himpoly le hiala amy ty Vohitsy Gileada."Le nandeha ty olo roa aly sy roarivo lafa zay, le ty ray aly niegny.⁴Le hozao tiasa Yaveh tamy Gideona:"Mbo lako mare avao ty olo. Andeso mijotso amy rano eny ndrozy, sady haenako ho ahinao eny ty isan-drozy. Laha hozao Tiasako aminao: " Raiky toy ro hiaraky aminao,' le hiaraky aminao ie; fa laha hozao Tiasako: 'Raiky toy tsy hiaraky aminao,'le tsy hiaraky aminao ie."⁵Le nandesy i Gideona nijotso tamy rano teny ty olo, le hozao tiasa Yaveh taminy: "Saraho ze milelaky ty rano iaby, manahaky ty filafafa ty alika, amy azy ze mandongaliky ambany mba hino."⁶ Lahilahy telon-jato ro nilelaky. ty ilany tamy lahilahy koa nandohaliky mba hino rano.⁷Le hozao tiasa Yaveh tamy Gideona: "Amy alala ty lahilahy telon-jato ze nilelaky ty rano, ro hanavotako anareo, noho hanomezako anareo ty fandreseahoa amy Midianata rey. Engaho himpoly an-tanany any iaby ty lahilahy."⁸Le nangalaky ty vatiany noho ty trompetrany azy voatingy rey. Nampolia i Gideona ty lahilahy Israely iaby, ty lahilahy iaby mba samby ho an-dainy ao iaby, fe nitanjahany azy lahilahy telon-jato rey. Le ty toby Midiana rey le tambany tamy tany malemy tao.⁹Tamy nankaliny io avao le hozao tiasa Yaveh taminy: "Mifohaza! Tafiho ty toby, fa hameako anao ty fandreseahoa anizay. ¹⁰Fa laha mavaka ty hijotso koa iha, le mijotsoa an-toby ao miarakany amy i Pora mpanomponao, ¹¹sady janjino ze volan-drozy, le hatanjaky ty herim-ponao amy ty fanafiha ty toby." Le nijotso niarakany tamy pora mpanompony, tamy ty toera fiembena ty toby i Gideona.¹²Ty Midianita, ty Amalekita, noho ty olo iaby baka antinana any le niara-nipetraky tamy tany malemy, le vatany lako manahaky ty galala lako. Tsy hay hisafy ty ramevan-drozy; lako mandilatsy ty fasy ndrozy.¹³Lafa niavy ta Gideona tao, le nisy lahilahy raiky nitantara nofy tamy ty namany. Le hozao tiasa lahilahy iny: "Ingo! nanonofy zaho, le nahita mofa hordea boribory mivarimbary tan-toby Midiana. Le niavy tan-day ao zay, sady le vatany nidodo azy mare biby le niravoky le nivaliky ambony ambany, , le nipisaky." ¹⁴Le hozao tiasa lahilahy raiky iny: "Tsy misy dikany zay mandilasy ty mesobe tiahy Gideona (anakilahy i Joasy), azy Israelita iny. Fa nanome azy fandreseahoa tamy Midiana rey teo, noho ty miaramilany iaby Ndranahare."¹⁵Lafa nire i Gideona ndraiky ty fanambara ty nofy noho ty fandika anizay, le nandongaliky nivavaky ie. Le nimpoly tan-toby Israel tao ie le nanao hozao: "Mifohaza! fa namea Yaveh anareo ty fandreseahoa ty miaramila i Midiana rey." ¹⁶Le nizara ho lahara telo ty lahilahy telon-jato, le nameany trompetra noho siny foana iaby ie, miarakany amy jiro anay ty siny kiraikiraiky.¹⁷Le hozao tiasany tamindrozy: "Magnenteha ahy le anovo ze anoviko. Henteo! lafa amy sisiny ty toby zaho, le tsy maintsy hanovinareo ze anoviko. ¹⁸Lafa mitsoka ty trompetra zaho, le zah noho ze miarakany amiko iaby, le tsofo mihodidy ty toby iaby avao koa ty trompetrareo le mikoraha manao hozao: ' Hoahy Yaveh noho Gideona!'"¹⁹Le niavy tamy sisiny ty toby i Gideona noho ty lahilahy zato ze nanoriky azy, tamy ty fanomboha ty fisasaha ty lera mihintsy. Laha tamy fampisolao ty mpiamby mihintsy azy Medianita rey, le notsofandrozy ty sisiny ze tan-tanandrozy teny.²⁰Nitsofy azy filahara telo rey ty trompetra sady novakiany ty sisiny rey. Notanjahandrozy tamy ty tana an-kavia azy jiro reyle tamy ty tana ankavana koa ty azy trompetra rey mba hitsofa anizay. Le nikoraky mare manao hozao ndrozy: "Ty mesobe Yaveh noho tiahy Gieona." ²¹Nitsanga nihodidy ty toby tamy ty fipetrany iaby ty lahilahy sady nilay ty miaramila i Midiana iaby. Le nikakaiky ndrozy saky nilomay.²²Lafa nitsofin-drozy ty trompetra telonjato, le nanovy Yaveh nifamango tamy mesobe azy Medianita noho ty namany rey noho ty miaramilany iaby. Le nilay baka Beti-sita le zisiky Zereraha tany ty miaramila, zisiky amy ty faritsy ty tany tiahy Abela-mehola, anila i Tabata. ²³Nikaiha mare ty lahilahy Israely baka a Naftaly rey, Asera, noho Manase iaby, le nagnia any Medianana ndrozy.²⁴Le nampaniaraky mpanay hafatsy heniky ty tany abo tiahy Efaima iaby i Gideona, nanao hozao: "Mandehana mijotsoa hanohitsy ty Midianita le oriho maso ty rano i Jordana, zisiky a Beti-bara, mba hampiegneny androzy." Le niarakany nivory ty lahilahy Efraima iaby le nanoriky maso azy ran rey, baka a Beti-bara noho ty renirano tiahy Jordana. ²⁵Nosamborindrozy ty mpanjaka tiahy Midiana roe, Oreba noho Zeba. Novonoandrozy tamy vatolampy tiahy Oreba i Oreba, le novonoandrozy tamy ty famaizam-boaloboky tiahy i Zeba i zeba. Le nagnia ty Midiana ndrozy, sady nandesindrozy tamy Gideona teo ty loha i Oreba noho i Zeba, ze tamy ty ambaliky raiky hafa ty Jordana.

Chapter 8

¹Hozao tiasa ty lahilahy Efraima rey tamy i Gideon: "Ino va ty raha nanovinao taminay zao? Tsy nikaiky anay iha lafa nandeha nialy tamy Midiana." Nifamaly mare taminy ndrozy.²Hozao tiasany tamindrozy: "Ino moa ty raha vitako henanizao laha ampiatovia aminareo? Vasa ty famoria ty voaloboky any Efraima tsy soa mare mandilatsy ty famorua voaloboky tiahy i Abiezara?" Ndranahare fa nanome fandrese anareo miatriky ty mpanjaka tiahy Midiana rey_ le i Oreba noho i Zaba! Ino va ty vitako mandilatsy ze vitanareo?" Nahavola ty helokindozy taminy lafa nivola anizay ie.⁴Niavy tamy Joradana teo i Gideonale niampita anizay, ie noho ty lahilahy telon-jato ze niaraky taminy rey. Vozaka mare ndrozy, fe mbo hanohy nagnia avao.⁵Hozao tiasany tamy ty olo ta Sokota tao rey: "Mba omeo mofo ty olo magnoriky ahy, safe vozaky mare ndrozy, le zaho hagnia any Zebaha noho Zalamona, mpanjaka tiahy Midiana.⁶Le hozao tiasa ty manam-boninahitsy: "Vasa fa an-tananao eo ty tana i Zebaha noho Zalmona henanizao va? Manno zahay ro tokony hanome mofo ty miaramilanao retia?"⁷Hozao tiasa i Gideon: "Lafa ameaYaveh fandrese zahay miatriky any zebaha noho Zalmona, le ho tatahako amy ty fatiky baka anefitsy noho raketa ty holitsinareo."⁸Niakatsy bakao ie mba ho a Penoela any, le nivola manahaky zay tamy olo tao avao koa, fa ty olo ta Penoela tao namaly azy manahaky ty famalia ty olo ta Soota tao.⁹Nivola tamy Penoela avao manao hozao avao koa ie: "Lafa mimpoly am-pilamina avao koa zaho, le horavako toy tilikambo to."¹⁰Le niaraky tamy ty miaramilany ta Karkora tao i Zebaha noho i Zalmona, lahilahy ray aly sy dimarivo eo vasa, ze sisa iaby tamy ty miaramila ty olo antinana iaby, sfe nisy lahilahy 120.000 nimaty ze nampianary hialy amy ty mesobe.¹¹Niakatsy azy lala ty mpipetraky an-day i Gideon, nandalo ta Noha noho Jogbeha. Nandresy ty miaramila fahvalo ie, safe nitampoky ty fanafiha ndrozy.¹²Nilay i Zebaha noho Zalmona, sady lafa nagnia androzy i Gideon, le voasambotsiny azy mpanjaka roa tiahy Midiana_ i Zebaha noho i Zalmona—le nampihorohoroany ty miaramilan-drozy iaby.¹³Gideon, anakila i Joasy, le nimpoly baka amy ty aly tany le nandalo tamy lala i Heresa teo.¹⁴Nifankahita tamy pamaraky raiky bakaamy ty mpipetraky ta Sokota tao ie sady nila torohevisy taminy. Nivolany ty mpamaraky azy ty mikasiky ty mpitariky ty Sokota noho lohola rey tao, lahilahy fitopolo fito amby ndrozy.¹⁵Le niavy tamy lahilahy Sokota i gideon le nanao hozao: "Ndretia i Zebaha noho Zalmona, ze nikizahanareo ahy sady nivolanareo manao hozao: ' Fa naharesy any Zebaha noho zalmona va iha? Tsy hainay fa tokony hanome mofo any miaramilao rey zahay.'" ¹⁶Nala i Gideon ze olo be tan-tana tao, le nanariny tamy ty fitiky baka amy ty efitsy ty raketa azy lahilahy tiahy Sokota rey. ¹⁷Bakeo le niravany ty tilikambo ta Penoela tao sady novonoany ty lahilahy tamy zay tana zay tao.¹⁸Le hoao tiasa i Gideon tamy i Zebaha noho Zalmona: "Lahilahy manao akory ro nivoanareo ta Tabara tao?" Namaly hozao ndrozy: "Manahaky anao avao ndrozy. Ty kiraikiraiky tamindrozy le manahaky y anaky ty mpanjaka iaby." ¹⁹Hozao tiasa i Gideon: " Rahalahiko ndrozy, anakilahy ty reniko. Laha mbo velo avao koa Yaveh, laha namonjy androzy ho velo nareo, le tsy namono anareo zaho."²⁰Hozao tiasany tamy Jareta(talanolony) : "Mitsangana le vono ndrozy!" Fa azy mpamaraky iny tsy nampitsatoky ty mesobenany fa navaka, safe mbo aja lahilahy kely ie. ²¹Le hozao tiasa i Zebaha noho Zalmona: "Mitsangana iha le vono zahay! Fa araky ty toetsy ty olo avao ro ty heriny." Nitsanga i Gideon le namono any Zebaha noho zalmona. Napotany avao koa ty ravaky ze sarim-bola tsina ze tam-bozo ty ramevan-drozy.²²Hozao tiasa ty lahilahy Israely tamy Gibeona: "Manpaha anay---iha, ty anakilahinao, le zafikelinao lahilahy--- safe iha ro nanavotsy anay tamy ty tana i Midiana teo."²³Hozao tiasa i Gideon tamindrozy: "Tsy hanapaky nareo zaho, ndra ty anakilahiko aza le tsy hanapaky nareo. Fa Yaveh ro hanapaky anareo."²⁴Nivola tamindrozy hozao i Gideon: "Engaho zaho hanao fangataha aminareo: le mba ty anomezanareo kiviro baka niravany." (Nana kiviro volamena azy Midinita rey safe Isimaelita ndrozy.) ²⁵Namaly hozao ndrozy: "Amy ty hafalea ro anomezanany anirey anao." Namelatsy lamba ndrozy sady samby nanoraky ty ravaky baka norava ty lahilahy iaby.²⁶Ty lanja ty kiviro volamena ze nangatahany le sekely volamena 1.600. Zay fandrava zay le niaraky amy ty ravaky sarim-bola tsina, azy ravaky rey, ty siky volomparasy ze nisikina ty mpanjaka ty Midiana rey, sady niampy ty ravaky ze nihodidy ty vozoz ty ramevan-drozy.²⁷Nanamboatsy efoda baka amy ty kiviro i Gideon le nengany tan-tanany tao, ta Ofra tao zay, sady nampandranto ty vatany tamy fanompoa anizay teo ty Israely iaby. Nanjary fandriky hoahy Gideon noho hoahy ze tan-tranony iaby zay. ²⁸Le niresy tanatreha ty olo i Isrealy azy Midiana rey sady tsy namboatsy ty lohandrozy sasy ndrozy. Le nilamy naharitsy ty efapolo tao ty tany tamy ty fotoa i Gideon.²⁹Jerobala, anakilahy i Joasy, nandeha le nipetraky tan-tranony tao. ³⁰Nana anaky lahilahy fitompolo ze tariha i Gideon ie, safe lako valy ie. ³¹Ty valy masainy, ze ta Sekema tao, le niteraky anakilahy taminy koa, le i Gideon nanome azy ty anara hozao: "Abimeleka."³²Gideon , anakilahy i Joasy, le nimaty lafa tratsy anyitsy soa le nalev ta Ofra tao tamy ty lolo i Joasy babany, fokoa i Abiezrita. ³³Laha vonimaty i Gideon, le nimpoly ndaiky ty anak'Israely le nampandranto ty vatany tamy ty fanompoa tiahy Bala rey, Nanovindrozy ho ndranahariny i Bala-berita. ³⁴Le ty olon'Israely le tsy nahatiaro hanome voninahitsy any Yaveh, Ndranarindrozy,

ze nanavotsy androzy tamy ty tana ty fahavalo iaby mihodidy. ³⁵Tsy nidary ty fampitamany tamy ty trano tiahy Herobala (na Gideona) ndozy, mba ho valia soa iaby ty nanoviny tamy Israely.

Chapter 9

¹Nandeha tamy ty longo ty reniny ta Sekema i Abimeleka anaky Jeroba sady nivola tamindrozy noho ty longo ty reniny iaby manao hozo: ²"Mba volano lahy zao, mba ho re ty mpitariky iaby a Sekema ao: 'Ino va ro mety mare aminareo: mana ty anaky i Jerobala lahilahy fitopolo hanapaky aminareo eo, sa raiky avao ro manapaky aminareo eo?' Tiarovo fa nofitsy noho ty lionareo zaho." ³Nivola tamy azy mpitariky tiahy Sekema rey ho tiazy azy longo ty reniny rey, sady nanenky ty hanoriky any Abimeleka nrozy, safe hozo tiasandrozy: "Ralahintsika ie." ⁴Nameandrozy volafoty maliniky fitopolo baka an-trano i Bala-berita ie, le nampiasa i Abimeleka hanakarama azy lahilahy mpandika lala noho mahasakisaky raty ze anoriky azy zay. ⁵Nandeha tamy ty trano ty babany ta Ofra tany i Abimeleka, sady novonoany tanabo ty vato raiky azy lahilahy fitopolo rey, le ty anaky Jerobala rey. Jotama ro sisa nijano, le azy anaky Jerobala faralahy, safe nivony ie. Niara niavy ty mpiatariky Sekema noho ⁶Beta-milo iaby le nandeha sady nanao any Abimeleka ho mpanjaka, tanila ty hazo terembita anila ty tsatoky ze a Sekema any. ⁷Lafa nivolanany momba anizay i Jotama, le nandeha ie sady nitsanga tanabo ty vohitsy Gerizima teo. Nikaikaiky ie le nivola tamindrozy manao hozo: " Janjino zaho, nareo mpitariky any Sekema, mba hijanjinan-Dranahare anareo. ⁸Ndray andro zay le niboaky ty hazo mba hanorosa ty mpanjaka raiky ho amindrozy eo. Safe hozo tiasandrozy tamy ty hazo Oliva: "Manjaka aminay. ⁹Fe hozo tiasa ty hazo olova tamindrozy: "Tokony hafoako va ty soliky, ze ampiasa mba hanomeza voninahitsy azy ndranahare noho ty olombelo, mba hahazako mandeha mipoy, le hitsinkafokafo amy hazo hafa avao ?" ¹⁰Hozo tiasa ty hazo rey tamy aviavy: "Avia le manjaka aminay etoa." ¹¹Fe hozo tiasa aviavy rey tamindrozy: "Tokony hengako va ty hamamiko noho ty voa soako, mba hahizako mimpoly le hitsinkafokafo amyazy hazo hafa rey avao?" ¹²Hozo tiasa hazo rey tamy azy voaloboky iny: 'Ava le manjaka aminay atoy.' ¹³Hozo tiasa voloboky iny tamindrozy: "Tokony hengako va ty divaiko vaovaoko, ze mampifaly ahy Ndranahare noho ty olombelo, le himpoly le hitsinkafonkafo amy hazo hafa rey eo?" ¹⁴Le hozo tiasa ty hazo iaby tamy fatiky raketa: 'Avia le manjaka aminay.' ¹⁵Hozo ty fatiky raketa tamy hazo rey: ' laha vatany hanosotsy ahy ho mpanjaka aminareo eo nareo, le avia le mila fiarova ambany ty aloko eo. laha tsy zay, le engaho hiboaky baka amy ty fatiky raketa ty afo le engaho zay nandoro ty sedera i Libanona.' ¹⁶Henanizao moa, laha mao ty to noho mahity nareo, tamy nananovanareo tiahy Abimeleka ho mpanjaka, sady laha vo nanao ty soa mikasiky any Jerobala noho ty longony, sady lafa nananatsy azy araky ze soa azy nareo--- ¹⁷---le nieritrseritsy fa nialy ho ahinareo ty babako, nanao soro ty ainy, sady namonjy anareo tamy ty tana Midiana--- ¹⁸ fa henanizao nareo le fa nitsanga hanohitsy ty longo ty babako sady namono azy anakilahiny rey, le olo fitopolo, tanabo ty vato raiky zay. Le nanovinareo ho mpanjaka amy ty mpitariky i Sekema teo i Abimeleka, anaky ty ampela mpanompony, safe longonareo ie. ¹⁹laha nanao ty to noho ty mahity tamy Jerobala noho ty longony nareo, le tokony hifaly amy Abimeleka, sady hanenga azy hifaly aminareo. ²⁰Fa laha tsy zay, le engaho hisy af hiboaky baka amy Abimeleka eo le handoro ty olo i Sekema noho Beti-milo . Enganie hisy afo hiboaky baka amy ty olo i Sekema noho beti-milo rey, mba handoro any Abimeleka." ²¹Nilay le niala i Jotama, le nandeha ta Bera tany ie. Nipetraky tany ie safe lavitsy any Abimeleka rahalahany zay. ²²nanapaky tamy Israely naharitsy telo tao i Abimeleka. ²³Le nandefa fanahy raty tamy Abimeleka noho azy mpitariky Sekema Ndranahary. Namaliky ty fampitokia ze nanandrozy tamy Abimeleka azy mpitariky i Sekema rey. ²⁴Nanao anizay Ndranahare mba ho voavaly faty ty heriloha nanovy tamy ty anaky Jerobala lahilahy fitopolo rey, le ho voatanjaka ho tompon'antoky azy olo i Sekema rey safe nanampy azy namono any rahalahany rey ndrozy. ²⁵Le nanenga olo niamby tanabo ty vohitsy azy mpitariky rey mba hahazan-drozy manisy azy tampoky, le niravandrozy iaby ze nandrio tamindrozy teo tamy lala teo zay. Notantery tamy Abimeleka zay. ²⁶Le niavy niaraky tamy ty longony i Gala anaky Ebada le nandeha ta Sekema. Nana fitokisa tamy ty mpitariky i Sekema. ²⁷Niboaky tambaibo ndrozy sady namory voaloboky baka amy ty tanim-boaloboky, le nihitsakitsahany zay. Nanao fifalia tan-tranony ty ndranahariny ndrozy, ze nihinanandrozy noho ninomany, le nanozonandrozy azy Abimeleka rey. ²⁸zao tiasa i Gala, Anaky Ebena: "Ia moa i Abimeleka, le ia ty Sekema, ro le tokony hanompo azy tsika? Vasa tsy anaky i Jerobala va ie? Tsy zebola va ty lefiny? Tompo ty olo i Hamora, le ty baba i Sekema zay! Manino tsika ro tokony hanompo any Abimeleka? ²⁹Teako laha mba tambany ty fifehezako ty olo toy! Le ho nafanahako i Abimeleka. Le nivola tamy Abimeleka manao hozo zaho: 'Kaiho ty miaramilanao iaby.' ³⁰Lafa nahare ty safa i Gala anaky Ebada iaby i Zebola, manam-boninahitsy ty tana, le nimeloky mare ie. ³¹Nandefa iraky tamy i Abimeleka ie mba hameriverea manao hozo: "Ingo, Gala anaky Ebada noho ty longony le ho avy a Sekema any, sady manonjo ty tana hanohitsy anao ndrozy. ³²Henanizao moa, lafa haly iaby le mifohaza, iha noho ty miaramila manoriky anao rey, le manomana fanafiha tsy ampoizy am-baibo any. ³³Lafa maray le manaova liabe amy tana eny. lafa miboaky manohitsy anao ie noho ty olo miaraky aminy, le manaova ze afakinao amindrozy." ³⁴Abimeleka le nifoha haly, noho azy lahilahy ze niaraky taminy, le nanenga fanafiha tsy nampoizy hanohitsy any Sekema ndrozy---nizara ho lahara efatsy zay. ³⁵Niboaky i

Gala anaky Ebada le nitsanga tamy ty filira tamy ty vavahady ty tanan. Niboaky baka amy ty toera fivoniany i Abimeleka noho azy lahilahy niaraky taminy rey.³⁶ Lafa nihita i Gala azy lahilahy rey le hozao tiasany tamy Zebola: "Ndroy, misy olo mijotso baka anabo ty vohitsy!" Hozao tiasa i Zebola taminy: "Manahaky ty olo ty fahitanao azy talinjo anabo ty vohitsy eo."³⁷ Le nivola ndraiky i Gala le nanao hozao: "Ndrey, misy olo mijotso baka anivo ty tany, le misy filahara raiky avy baka amy zaho amy ty hazo terebinta ty mpisikily eo."³⁸ Le hozao tiasa i Zebola taminy: "Aia ty safanao mirengirengy rey henanizao, iha nivola hozao rey: 'Ia moa i Abimeleka ro tokony ho tompoantsika?' Va tsy nampisy dikany lahilahy rey iha? Miboaha le mialia amindrozy."³⁹ Niboaky i Gala le nitao ty lahilahy i Sekema, le nialy tamy Abimeleka ndrozy.⁴⁰ Nagnia azy i Abimeleka, le nilay talohany teo i Gala. Lako ty niravoky ty vono mahafaty taloha ty filira tambavahady ty tana teo.⁴¹ Nipetraky ta Amora tany i Abimeleka. Nise i Zebola hiboaky any Sekema i gala noho ty longony rey.⁴² Lafa hamaraininy le niboaky tambaibo azy olo i Sekema rey, le nitatery tamy Abimeleka zay.⁴³ Nagnalaky ty olony rey ie, nizara androzy ho antoko telo, le nanoma fanafiha tsy nampoizy tam-baibo any ndrozy. Nijilo ie le nahitaky ty olo niboaky baka an-tana ao le nanafiky ie le nahafaty androzy.⁴⁴ Nanafiky le nanampy ty filira tamy ty vavahady ty tana teo i Abimeleka noho azy antoko nagnoriky azy rey. AZy antoko roe hafa le nanafiky any azy iaby tam-baiboho sady namono androzy.⁴⁵ Nialy hanohitsy ty tana iaby tamy zay tontolon'andro zay i Abimeleka. Nandrava ty tana ie, sady namono ty olo ze tamizay tao. Noravany ty manda ty tana le nirarahany sira zay.⁴⁶ Lafa nire ty mpitariky ty mikasiky anizay tamy ty tilikambo tiahy i Sekema, le nilitsy tamy ty fiarova mare ty tranon ty El-berita ndrozy.⁴⁷ Nivolany tamy Abimeleka fa niara nivory tamy ty tilikambo tiahy Sekema tao ty mpitariky iaby.⁴⁸ Nandeha nagnaniky tam-bohitsy teny i Zalmona noho Abimeleka, ie noho ty lahilahy iaby niaraky taminy. Nangalaky famaky i Abimeleka le nanapaky tahon-kazo. nenngany tan-tsorokiny eo zay sady nibeko azy lahilahy nagnoriky azy rey manao hozao ie: "Ze hitanareo nanoviko."⁴⁹ Le nanapaky tahon-kazo ty olo iaby le nagnoriky any Abimeleka. Nahorindrozy tamy ty rindry y tilikambo zay, le noroandrozy, le nmaty avao koa ty olo iaby tamy tilikambo i Sekema tao, le lahilahy noho ampela mety arivo vasa zay.⁵⁰ Le nandeha ta Tabeza tany i Abimeleka, le nivory tanila i Tebeza ie le nandrava anizay.⁵¹ Fe nisy tilikambo mare tamy ty tan-tana tao, le tafilay nilay mbamizay ao azy lahilahy noho ampela sady azy mpitariky ty tana iaby rey le nihily tao. Bakeo le nagnaniky anabo ty tafo ty tilikambo ndrozy.⁵² Nandeha amy tilikambo any i Abimeleka le nialy tamizay, le niakatsy nariniky ty varavara ty tilikambo ie mba handoro azy.⁵³ Fe nisy ampela nandatsaky vato fikoseha vary tamy loha i Abimeleka le nahavaky ty harandohany.⁵⁴ Bakeo le nikaiky mare ty pamaraky mpanday ty fialiany ie, le nivola hozao: "Aboahao ty mesobenao le vono zaho, mba tsy hisy hivola ty momba ahy manao hozao: 'Ampela ro namono azy.'" Le nitsiboha azy mpamaraky iny ie, le nimaty.⁵⁵ Lafa nihita ty olon'Israely fa maty i Abimeleka, le noly ndrozy.⁵⁶ Le namaly faty ty faharatia i Abimeleka ze nanoviny tamy ty babany tay namonoany azy rahalahany fitopolo Ndranahare.⁵⁷ Nampolin-Dranahare tamy lohan-drozy avao koa ty faharatia ty olo i Sekema rey sady nivaly azy ozo i Jotama anaky Jerobala rey.

Chapter 10

¹Tafara i Abimeleka, Tola anaky i Poa anaky i Dodo, lahilahy baka a Isakara ze nipetraky ta Samira tany, tany ty tany abo tiahy Efraima, nitsanga mba hanafaky any Israely. ²Nitsara ty Israely naharitsy roapolo telo amby tao ie. Maty ie le nalevy ta Samira. ³Nisoloa i Jaira azy Gileadita iny ie. Nitsara any Israely naharitsy ropolo roa amby tao ie. ⁴Nana anakilahy telopolo ze nitikitsy boriky telopolo ie, le nana tanà telopolo ndrozy, ze kaiha manao hoe HAavota-jaira zisiky henanizao. ⁵Maty i Jaira le nalevy ta Kamona tany. ⁶Nampiandrozy ty raty tamaso Yaveh ty olon'Israely rey le nanompo azy Bala rey, azy Astarta, azy ndranahary i Arama rey, azy ndranahare i Sidona, azy ndranahary i Moaba rey, azy Ndranahary ty olo i Amona rey, sady ndranahariny ty Filistina rey. Nanenga any Yaveh ndrozy sady tsy nanompo azy sasy. ⁷Nahazo any Israely ty heloky Yaveh, le navarotsiny tan-tana ty Filistina noho tan-tana ty Amonita rey ndrozy. ⁸Tamy tao zay le namotiky noho nampijale ty olo Israely rey ndrozy, le nampijaleandrozy naharitsy folo valo amby tao ty olon'Israely iaby ze tampita i Jordana tany tany Amorita rey tany, ze ta Gileada tany. ⁹Le niampita any Jordana mba hialy amy i Joda, tany ty Benjaminina, le tany ty longo i Efraima Amonita rey, mba hampijale mare an'Israely. ¹⁰Le nikaiky mare any Yaveh ty olon'Israely, nanao hozo: ""Fa nanota taminao zahay, safe nanenga ty Ndranaharenay zahay sady nanompo azy bala rey." ¹¹Hozao tiasa Yaveh tany ty olo Israely: "Tsy nagnafaky anareo tany Egyptiana, Amorita, Amonita, Filistina, ¹²le tany Sidoniana rey va Zaho? nampijale anareo azy Amalekita noho azy Maonita rey; le nikaiky mare Ahy nareo, le nafahako tany herindrozy rey nareo. ¹³Le mbo nanenga Ahy avao nareo le nanompo azy ndranahare hafa. Lafa zay, tsy hagnampy ty fotoa hanafahako anareo zaho. ¹⁴Mandina le kaiho mare azy ndranahare ze notoponareo. Engaho ndrozy hanavotsy anareo lafa misy fahavoaza nareo." ¹⁵Hozao tiasa olo Israely rey tany Yaveh: "Nanota zahay. Anovo aminay ndra ino ndra ino mety ho soa Aminao. Fe, mba afaho lahy zahay amy andro toy." ¹⁶Le nagnafaky ty ndranahare tsy ie taminy teo ndrozy le nanompo any Yaveh. Le tsy zaka Yaveh sasy ty fijalea Israely. ¹⁷Le niara nivory azy Amonita sady nanamboatsy toby ta Gileada. Le niaraky niavy Israelita rey le nanamboatsy ty tobiny ta Mizpa tany. ¹⁸Azy mpitariky ty olo i Gileada rey nifampivola hozo: "Ia ty lahilahy ze hanomboky hialy amy Amonita rey? Hanjary mpitariky az iaby ze nipetraky ta Gileada tany ie."

Chapter 11

¹Le i Jefta azy Gileadita le mpialy mahery, fe anaky makorely ie. Gileaga ty babany. ²Niteraky ty anakilahiny hafa avao koa i Gileada. lafa bevata ty anaky ty valiny, le nisern-drozy hanenga ty tranony i Jefta sady nanao hozao taminy: "Tsy handova ndra ino ndra ino baka amy ty longonay iha. Anaky ampela hafa iha." ³Lafa zay le nilay ty rahalahany i Jefta le nipetraky tany ty tany i Toba tany. Nisy lahilahy tsy mpanara-dala nagnanto azy le niavy ndrozy le nandeha niaraky taminy. ⁴Andro kelikely tafara tatoy, le nialy tany Israely ty olo i Amona. ⁵Lafa nialy tany Israely ty olo i Amona, le niavy handay any Jefta bak amy tany i Toba himpoly azy be ty Gileada rey. ⁶Hozao tiasan-drozy tany Jefta: "Avia le manenkea ho mpitariky anay mba hahazanay mialy amy ty olo i Amona. ⁷Hozao tiasa i Jefta tany azy mpitariky i Gileada: "Nalay ahy nareo sady nisery ahy hanenga ty trano ty babako. ⁸Manino nareo henanizao ro mandeha amiko atoy lafa anay ty fahavoaza?" Hoasa ty lohola i Gileada tany Jefta: "zay ty antony hitohanay aminao henanizao; ndao hiaraky aminay le hialy amy ty olo i Amona, le hanjary mpitariky amy ze iaby mipetraky a Gileada ao iha." ⁹Hozao tiasa i Jefta tany ty lohola i Gileada: "Laha andesinao moly mba hialy amy ty olo i Amona ndraiky zaho, sady laha amea Yaveh fandreseha tsika, le ho mpitariky anareo zaho." ¹⁰Le hozao tiasa ty lohola i Gileada rey tany Jefta: "Yaveh lahy ro ho vavoolombelo amitsika noho iha laha tsy manao ze araky ty nivolanitsika tsika!" ¹¹Lafa zay le nandeha niaraky tany ty lohola i Gileada i Jefta, le nanovy ty olo ho mpitariky noho mpibaiko androzy rey ie. Lafa tanatreha Yaveh ta Mizapa ie, le nampipoly ty fampitama iaby nanoviny i Jefta. ¹²Bakeo i Jefta nampaniraky mpanday hafatsy ho tiahy mpanjaka ty olo a Amona tao, manao hozao: "Ino va ty aly amitsika eto toy? Manino va iha ro niavy tany ty hery hangalaky ty taninay?" ¹³Le namaly ty mpanday hafatsy i Jefta azy mpanjaka ty olo i Amona nanao hozao: "Safe tany ty olo Israely niboaky baka Egypta tany, le nalandrozy ty taniko baka a Arnona le zisiky a Jaboka tany, le zisiky a Jordana. Henanizao ampolio ampilamina tany rey." ¹⁴Le nandefa mpanday hafatsy ho amy azy mpanjaka ty olo i Arnona ndraiky i Jefta, ¹⁵le hozao tiasany: "Zao ty vola i Jefta: Tsy nala Israely ty tany tiahy i Moaba noho ty tany ty olo tiahy Amona, ¹⁶fa niakatsy baka Egypta tany ndrozy, le Israely nandeha nanapatapaky ty tany efitsy nandeha amy ty Riaky mena noho ty tany Kadesa. ¹⁷Lafa nanday mpanday hafatsy ho amy ty mpanjaka i Edoma Israely, nanao hozao: 'Mba mangataka lahy mba engao zahay handalo amy taninareo eo, le tsy nijanjy azy mpanjaka i Edoma iny. Nandefa mpanday hafatsy baka tany mpanjaka i Moaba avao koa ndrozy, fa nanda ie. Lafa zay le niegny ta Kadesy tao Israely. ¹⁸Le nandeha tanefitsy ndrozy le nibio ty tany i Edoma noho ty tany Moaba, le nandeha hangoriky ty sisin-driaky ty tany i Moaba le nivoty ta tampita i Arnona iny tao. Fa tsy nandeha amy ty faritsy ty tany tiahy Moaba ndrozy, safe sisin-tany tiahy Moaba i Arnona. ¹⁹Le Israely nandefa hafatsy tany Sihona tany, mpanjaka i Amonita rey, ze nanjaka ta Hesbona tany; Hozao tiasa Israely taminy: 'Mba mangataky, engaho zahay mba hiampita ty taninao mandeha amy ty toera ze tiahinay.' ²⁰Fe tsy natoky any Israely hiampita ty faritany tiahy i Sihona. Lafa zay le navory i Sihoana ty miaramilany iaby le nafalony ta jahaza zay, le tany ie ro nialy tany Israely. ²¹Le Yaveh, azy Ndranahare Israely, nanolotsy any Sihona noho ty olony iaby tan-tana Israely teo le niresiny ndrozy. Lafa zay le nala Israely ty tany Amorita iaby ze mipetraky tany firenena zay tao. ²²Nalandrozy iaby ty kila raha tany ty faritsy ty tany tiahy Amorita tao, baka a Arnona le zisiky Jaboka tany, le zisiky anefitsy le zisiky a Jordana. ²³Le tafara anizay Yaveh, azy Ndranahare Israely, le nandroaky azy Amorita tanatreha Israely olony rey, le tokony hangalaky hanagna baka amindrozy rey va nareo henanizao? ²⁴Va tsy hangalaky ty tany ze namea i Kemosy, ndranaharinao ho tiahinao va iha? Lafa zay ndra ino ndra ino ty tany amean'Yaveh Ndranaharitsika antsika, le ho halantsika. ²⁵Le soa tany i Balaka anakilahy i Zipora, mpanjaka tiahy Moaba va iha? Nahasaky nialy hevitsy tany Israely va ie? Nahasaky mila aly tamindrozy rey va ie? ²⁶Lafa nipetraky naharitsy telon-jato tao ta Hesbona tany noho azy ana-bohitsiny i Israely, le ta Aroera noho ty anabohiny rey, noho tany tana iabyze anila i Arnona---le manino va nareo ro tsy nanday androzy nimpoly tany fotoa zay? ²⁷Tsy nanao raty anareo zaho, fa nareo ro nanao raty ahy tany fanafiha ahy. Yaveh, azy mpitsara iny, ro nanapa-kevitsy androany ty amy ty olo Israely noho ty olo i Amona." ²⁸Fe tsy nidary ty fampitandrema e nalefa i Jefta tany mpanjaka tany olo i Amona. ²⁹Bakeo eo le niavy tany Jefta ty Fanahy Yaveh, ka nandalo any Gileada noho Manase ie, le nandalo any Mizpa a Gileada any, le baha a Mizpa a Gileada ie le nandrio ty olo i Amona. ³⁰Nanao voady tany Yaveh i Jefta le nanao hozao: "Laha ameanao fandreseha amy ty olo i Amona zaho, ³¹le ndra ino ndra ino ty miboaky baka amy ty varavara tranoko mba hitsena ahy lafa mimpoly amy ty fialiako baka amy ty olo i Amona zaho, le hoahy Yaveh, le hasesiko ko fanday horoa zay." ³²Le nandalo tany ty olo i Amona teo i Jefta mba hialy hanohitsy androzy, le namea Yaveh azy ty fandreseha. ³³Nanafiky androzy rey ie le nahavy famonoa bevata ta Aerora tao le zisiky a Minita---tana roepolo---le zisiky a Abela keramina. Le tambany ty fifeheza ty olo Israely ty olo i Amona. ³⁴Niavy tan-tranony ta Mizpa tao i Jefta, le niboaky bakao ty anakampelany mba hitsena azy amy ty aonga tampaky noho ty tsinjaky. Ie raiky avao ro anakiny, le ty ankoatsy zay le tsy mana anakilahy ndra ampela ie. ³⁵Vo nihitany ie, le nitatahany ty

sikiny le hozao toiasany: 'E1 lahy ty anakampelako! Nopetepotehanao tamy ty alahelo zaho, le iha ro nanjary nampijale ahy¹ Safe nanao fifanta tamy Yaveh zaho, le tsy afaky mimpoly amy ty fampitamako."³⁶Hozao tiasany taminy: "Babako lahy, nanao voady tamy Yaveh va iha, anovo amiko ty kila raha iaby nampitamaninao, safe fa namaly faty tiahy fahavalonao rey, le azy Amonita rey Yaveh."³⁷ Hozao tiasany tamy ty babany: "'Engaho tanjahy ho tiahy azy fampitamany zay. Engaho raiky avao maharitsy roa vola zaho, mba hahaizako manenga le mandeha mijotso mandeha anabo any le hitany ty maha tsy mahasaky lahy ahy zaho, zaho noho ty alahelo ty foko."³⁸Hozao tiasany: 'Mandina."Nampandinany naharitsy roa vola ie. Le nenga ampela iny ieie noho ty alahelony, le nitany amy ty maha virijiny azy tanabo tany. ³⁹Lafa vita ty roe vola le nimpoly tamy ty babany ie ze nanao taminy araky ty voady fampitamany ze nanoviny. Le tmbo tsy nahasaky lahy ie,le nanjary fomba fatao ty Israely ⁴⁰fa hampipoly hitantara zay tantara ty anakampela i Jefta azy Gileada iny zay, maharitsy efatsy andro,azy anakampela Israely rey.

Chapter 12

¹Nisy kaiky niavy hoahy ty lahilahy Efraima rey; nanapatapaky i Zafona ndrozy sady nivola hozao tamy Jefta: "Manino iha ro avy nandeha nialy amy olo tiahy Amona sady tsy mikaky anay hiaraky aminao? Horoanay iha noho ty tranonao." ²Hoasa i Jefta tamindrozy: "Zaho noho ty oloko le mana tsy fiffankazahoa bevata tamy olo i Amona . Tamy zaho nikaiky anao, le tsy namonjy ahy tamindrozy teo iha." ³Lafa nihitako fa tsy namonjy ahy iha, le nengako tamy ty hatanjahako iaby ty mikasiky ty fiainako sady nanapatapaky ty olo tiahy Amona zaho, le namea Yaveh ahy ty fandreseha. Nanino iha ro avy hialy amiko henanizao? ⁴Nampivoeria i Jefta niarky tamy lahilahy iaby ta Gilgada tao le nialy tamy Efraima ie. Nanafiky ty lahilahy Efraima ty lahilahy tiahy Gilgada safe hozao tiasandrozy: "Nareo azy Gileadita rey le mpilay any Efraima-- ao Efraima nono Manase." ⁵Nosambory i Gileadita rey ty fiampita ty Jordana nandeha ta Efraima tany. Laha misy aminareo ty sisa velo le mivola hozao: "Engazo zao hiampita ty renirano," le hivola androzy hozao ty lahilahy tiahy Gileada: "Efraimita va iha?" laha mivola hozao ie: "Aha" ⁶le hivola aminy ndrozy: "Volano hozao: Shiboleta," sady laha mivola hozao ie: "Siboleta" (safe tsy nahay nitono safa mazava ie), le hosambory Gileada rey ie sady hova amy ty fiampita i Jordana. Efatsy aly sy roarivo azy Efraimita novonoa tamy fotoa zay. ⁷Niasa manahaky ty mpitsara heniky Israely naharitsy ty eny tao i Jefta. Bakeo le nimaty azy Gileadita le nalevy tamy tana raiky ta Gileada tao. ⁸Taafarany, le i Ibzana baka a Betlehema tao ro niasa niasa ho mpitsara tiahy Israely. ⁹Nana anakilahy telopolo ie. nahafoy anakampela telopolo nampiakary ie, le nanday anakampela telopolo ty ahy lahilahy hafa baka ambaliky hoahy ty anakilahy hafa ie. Nitsara any Israely naharitsy fito tao ie. ¹⁰Maty Ibzana le nalevy ta Betlehema. ¹¹Tafaraniny le Elona azy Zebolonita iny ro niasa manahaky ty mpitsara any Israely. Nitsara any Israely naharitsy folo tao ie. ¹²Maty i Elona azy Zebolonita iny sady nalevy ta Aialona tamy i Zebolona. ¹³Ty nagnoriky azy, le i Abdona anakilahy i Elela azy Piratonita ro niasa manahaky ty mpitsara tiahy Israely. ¹⁴Nana anakilahy efapolo ie sady zafikely lahilahy telopolo. Nitikitsy ampondra fitopolo ndrozy. Sady nitsara any Israely naharitsy valo tao ie. ¹⁵Nimaty i Abdona anakilahy i Elela azy Piratonita iny le nalevy ta Piratona tao tamy tany Efraima tamy ty vohitsy firenena tiahy Amalekita rey.

Chapter 13

¹Nanao ze raty tamaso Yaveh ndraiky ty olo Israely, le nameany tan-tana ty Filistina teo naharitsy efapolo tao ndrozy. ²Nisy lahilahy raiky baka a Zora any, baka amy ty longo i Danita rey, Manoa ty anarany. Tsy nana anaky ty valiny le tsy niteraky ie. ³Niboaky tamy ampela io ty anjely Yaveh le nanao hozao taminy: 'Ingo henanizao, tsy afaky bo bevoka iha, sady tsy niteraky, fe ho bevoka iha sady hiteraky anakilahy. ⁴Le miantndrema mba tsy hino divay ndra raha finoma mahery, sady la homa raha maloto. ⁵Ingo, ho trony iha le hiteraky anakilahy. Tsy hisy lamy hampiasa amy ty lohany, safe Nazirita hoahy Ndranahare baka an-troky any ty kaka, le ie ro hanomboky hanafaky any Israely an-tana ty Filistina rey ao.' ⁶Le niavy ampela iny le nivola tamy ty valiny manao hozao: "Nisy lahilahin-Dranahare niavy tamiko, le manahaky ty anjely Ndranahare ty fahita azy, le vatany nampavaka. Tsy nanontany azy ze niboahany zaho, sady tsy nivola tamiko ty anarany ie. ⁷Le hozao tiasany tamiko: "Ingo! Ho-trony, le hiteraky anakilahy iha. Ka lafa zay le ka mino divay ndra raha finoma mahery, sady ka mihina sakafo ze ambara ty lily fa maloto, safe ty kaka le ho nazarita hoahy Ndranahare manomboky amy ty fotoa maha an-tsoky azy le zisiky amy ty andro hahafaty azy." ⁸Le nivavaky tamy yaveh i Manoa le nanao hozao: "Tompo lahy, mbaampolio azy lahilahin-Dranahare nirahanao iny himpoly aminay ndraiky mba hampianarany anay ze tokony hanovinay amyty aja ze ho teraky fa tsy ho ela." ⁹Namaly ty vavaky i Manoa Yaveh, le niavy tamy ampela iny ndraiky ty anjely ty Ndranahare lafa nipetraky tam-baibo tany ie. Fe tsy niaraky tamy Manoa valiny. ¹⁰Le nilay mare ampela iny le nivola ty valiny manao hozao: "Ingo! Niboaky tamiko azy lahilahy iny_ azy niavy tamiko tamy ndraiky andro iny!" ¹¹Le nitsanga i Manoa le nagnoriky ty valiny. Lafa niavy tamy lahilahy teo ie, le hozao tiasany: 'Iha va azy lahilahy nivola tamy ty valiko?' Le hozao tiasa lahilahy iny: "Zaho ro ie." ¹²Le hozao tiasa i Manoa: "Henanizao ho tanteraky lahy ty safanao rey. Ino ty fitsipiky hoahy ty aja iny, le ino ro ho asany?" ¹³Hozao tiasa ty anjely Yaveh tamy Manoa: "Tsy maintsy hana am-pitandrema ty kila raha ze nivolaniko taminy ie. ¹⁴Tsy afaky homa ndra ino ndra ino ze baka amy ty voaloboky ie. sady ka enga hino divay ndra raha finoma mahery; ka enga hihina sakafo ze ambara ty lily fa maloto ie. Tokony nagnoriky ty raha iaby nandidiako azy ho anoviny ie." ¹⁵Hozao tiasa i Manoa tamy ty anjely Yaveh: "Mba mienena tselasela lahy, mba hanome fotoa ho ahinay hikarakara anak'aosy ho ahinao." ¹⁶Hozao tiasa ty anjely tiahy Yaveh tamy Manoa manao hozao: "Ndra hieny aza zaho, le tsy hihina ty sakafonao mihintsy. Fa laha manoma fanday horoa iha, le aseseo hoahy Yaveh zay." (Tsy hay i Moana fa anjely Yaveh ie.) ¹⁷Le hozao tiasa i Manoa tamy azy anjely Yaveh manao hozao: "Ia ty anarano, mba hahazanay hanome voninahitsy anao lafa to ty safanao rey?" ¹⁸Le hozao tiasa ty anjely Yaveh taminy: "Manino va iha manontany ty anarako? Soa zay!" ¹⁹Le nala i Manoa niaraky tamy ty fanday hohany ty anaka aosy le nasesiny tanabo ty lafiam-bato hoahy Yaveh teo rey. Nanao raha mahatseriky ie laha vo nagnenty i Manoa noho ty valiny, ²⁰Lafa nanganiky baka amy alitara teo nandeha an-danitsy any ty lelafo, le nanganiky baka anay ty lela afo ty alitar azy anjely tiahy Yaveh. Nahita anizay i Moana noho ty valiny le nampandohaliky ty vatan-drozy tamy ty tany. ²¹Tsy niboaky tamy Manoa noho ty valiny sasy azy anjely Yaveh. Le hay i Moana fa anjely Yaveh ie. ²²Hozao tiasa i Manoa tamy ty valiny: "Ho maty vatany tsika, safe niboaky tamitsika Ndranahare!" ²³Fe hozao tiasa ty valiny taminy: "Iaha te hamono antsika Ndranahare, le tsy misy nandramby ty fanday horoa noho ty fanday ho hany naeantsika azy Ie. Tsy tokony nampanatoro antsika ty kila raha iaby rey Ie. ndra nanenga antsika hahare raha manahaky zay amy fotoa zao." ²⁴Tafara tatoy le niteraky anakilahy azy ampela iny, le nanoviny Samsona ty arany. Nihabe ty aja iny le nitahy azy Yaveh. ²⁵Nanomboky nampihetsika azy ta Mahana-dana tany ty fanahin-Dranahare, tenatreha i Zora noho Estaola .

Chapter 14

¹Nijotso ta Timna tany i Samsona, le nahitaky ampela raiky tany ie, azy raiky amy ty anakampela i Filistina. ²Lafa nimpoly ie, le nivola tany ty babany hoho ty reniny manao hozao: "Nahita ampela raiky ta Timana tao zaho, raiky amy ty anakampela i Filistina. Le alao mba ho valiko ie." ³Hozao tiasa ty babany noho ty reniny: "Tsy misy ampela va amy ty anakampela ty longonao, ndra amy ty olonao iaby? Hangalaky valy baka amy ty Filistina tsy misavatsy va iha?" Hozao tiasa i Samsona tany ty babany: "Alao ho tiahy ie, fa lafa nagnenty azy zaho, le mahafinaritsy ahy ie." ⁴Fa ty babany noho ty reniny le tsy nahay fa baka amy Yaveh zay raha zay, safe naniry hananga aly amy Filistina rey Ie(safe tany fotoa zay le ty Filistina ro nanjaka ta Israely tao). ⁵Le nijotso ta Timna niaraky tany ty babany noho ty reniny i Samsona, le nandeha tany tany ty voaloboky i Timna ndrozy. Le, ingo, nisy liona tanora raiky nagnanto le niero taminy. ⁶Niavy tsy tampoizy taminy ty Fanahy Yaveh, le nisamboriny mora manahaky ty anambora ty anak'aosy liona iny, le tsy nisy ndra ino ndra ino tan-tananany teny. Fe tsy nivolaniny tany ty babany noho ty reniny ze nanoviny. ⁷Nandeha ie le niresaky tany ampela iny, lafa nagnenty azy ie, le nitea ty Samsona ie. ⁸Andro kelikely tafara tatoy lafa nimpoly hangalaky valy azy ie, le nibio lala ie mba hagnenty azy faty ty liona iny. Le, ingo, nisy tanntely lako noho tantely tany ty sisa tavela tany vata ty liona. ⁹Navoriny tan-tanany teny ty vata ty tantely rey le nandeha ie, le nandeha ie noho nihina. Lafa niavy tany ty babany noho ty reniny ie, le nameany tampany ndrozy, le nihina. Fe tsy nambarany androzy fa nalany tany ty sisa tavela tany ty vata ty liona tantely iny. ¹⁰Nijotso tany ze nisy any ampela iny Samsona, le nanao fanasa tany i Samsona, safe zay ty fomba ty pamaraky. ¹¹Laha vo nihita ty longon'ampela iny ie, le nanandesandrozy telopolo tany namany rey mba hiaraky aminy. ¹²Hozao tiasa i Samsona tamindrozy: "Engaho zaho androany hivola ankamantatsy aminareo. Laha misy raiky aminareo mahita anizay le mivola amiko ty valiny zisiky amy ty faha fito andro fanasa, le ameanareo rongony foty maliniky telopolo noho siky fisoloa telopolo. ¹³Fa laha tsy mahalaza amiko ty valiny nareo, le ameanareo rongony foty maliniky noho siky fisoloa telopolo isaky zaho." Hozao tiasandrozy taminy: "Volano anay ty ankamantatsinao, mba hahaizanay mahare anizay." ¹⁴Hozao tiasany tamindrozy: "Baka amy ty fihinana ao ro misy raha fihina; baka amy ty matanjaky ro misy raha malefaky." Fe tsy nahita ty valiny tanay ty telo andro azy vahiny nasany rey. ¹⁵Tamy ty andro faha efatsy le hozao tiasandrozy tany ty valy i Samsona: "Verevereo ty valinao mba hivolanany aminay ty valy azy ankamantatsy zay, laha tsy zay le horoanay ihanoho ty trano ty babanao. Nasanareo tatoy mba hampijalea va zahay?" ¹⁶Nanomboky nitany tanatrehy aty valiny Samsona; hozao tiasany: "Hejinao zaho! tsy tea ahy iha! Nanao ankamantatsy tany ty ilany tany oloko rey iha, fa tsy nivola tamiko ty valiny." Hozao tiasa i Samsona taminy: "Hentao zaho, le tokony hivola aminao va?" ¹⁷Nitany naharitsy fito andro nahampaharitsy ty fanasa ie. Tamy ty andro fahafito le nivolaniny taminy ty valiny safe nisery mare azy ie. Le nivolaniny tany ty longo ty olony ty valiny. ¹⁸Taloha ty nilenteha ty masoandro tany ty andro fahafito le azy lahilahy tan-tana rey taminy nana hozao: "Ino va ty mamy mandilatsy ty tantely? Ino va ty matanjaky mandilatsy ty liona?" Hozao tiasa i Samsona tamindrozy: "Laha tsy niharo tsikombakomba tany ty valiko nareo, le tsy nahta ty valy ty ankamantatsiko." ¹⁹Le niavy tampoky tany ty hery tany Samsona ty fanahy Yaveh. Nijotso ta Askelona i Samsona sady namono telopolo tany ty lahilahindrozy. Nalainy ty raha noravandrozy, sady nameany azy ze nanazava azy ankamantatsy ty sikindrozy. Tamy ty heloky mare, le niakatsy tan-trano ty babany ie. ²⁰Nasesy ty namany marikitsy azy mare ty valy i Samsona.

Chapter 15

¹Andro lako tafara tatoy, naharitsy ty fotoa fanapaham-bary, le nangalaky anak'aosy i Samsona le nandeha namangy ty valiny. Hozao tiasany tamy ty valiny: "Handeha ho amy ty efitsy ty trano ty valiko zaho." Fe tsy nanenga hihilisty ty babany. ²Hozao tiasa ty babany: "'Le vatany nieritseritsy zaho fa nalay azy iha, le nameako ty namanao ie. Soa mandilatsy azy ty zainy ampela, sa tsy zay va? Alao ho solony ie.'" ³Namaly androzy i hozao i Samsona: Amy fotoa zay le tsy hanatsiny imaso ty Filistina rey zaho laha tsy manao ze mampalahelo androzy."

⁴Le nandeha i Samsona le nisambotsy alika li telon-jato sady namehy androzy kiroeroy, saky ty rambony. Bakeo le nangalaky jiro ie le namehy anirey tanivo ty rambo roe. ⁵Lafa nampirehity ty jiro ie, le nanenga tyalika li rey nandeha amy ty vary mitiry tiahy Filistina rey, le samby noroandrozy ty vary nivory noho ty vary mitiry tambaibo, niaraky tamy ty tanim-boaloboky noho ty tany ty Oliva. ⁶Nanontany ty Filistina manao hozao: "Ia ty nanao anizao?" Nlaza tamindrozy manao hozao: " Samsona, azy vinanto lahy i Timnita, ro nanao anizao safe nangalaky ty valy i Samsona azy Timnita iny sady nanome azy hoahy ty namany." Le nandeha azy Filistina rey le nandoror azy noho ty babany. ⁷Le hozao tiasa i Samsona tamindrozy: "Laha zay ty anovinareo, le hamaly faty anareo zaho, sady lafa vita zay, vo hiegnz zaho." ⁸Le nitapatapahany tamy ty famonoa bevata, ty valahany noho ty fen-drozy. Le nijotso ie le nipetraky tanay ty lava-bato tamy ty lavaky i Etama. ⁹Le niakatsy azy Filistinarey le nihentsy hoamy ty aly ta i Joda tany le nananga ty miaramilandrozy ta Lehy tany. ¹⁰Azy lahilahy i Joda rey nivola hozao: "Manino va nareo ro niakatsy hanafiky anay?" HOzao tiasan-drozy: "Manafiky zahay mba hahazany misambotsy any Samsona, sady hanao azy manahaky ze nanoviny taminay." ¹¹Le nisy olo tiahy Joda telo arivo nijotso tamy lava-bato ty lavaky tiahy Etama tao, le nivola tamy Samsona manao hozao ndrozy: "Tsy mahay va iha fa azy Filistina rey ro mpanapaky amitsika etoa? Ino ro nanovinao taminay zao va?" Namaly androzy manao hozao i Samsona: "Ze nanovinrozy tamiko, le manahaky anizay koa ro nanoviko tamindrozy." ¹²Hozao tiasandrozy tamy samsona: "Nijotso zahay mba hamehy anao noho hanesy anao an-tana ty Filistina eo. Le Samsona nivola androzy manao hozao: " Mifanta amiko fa tsy nareo ro hamono ahy." ¹³ Hozao tiasandrozt taminy: "Aha, hamehy anao amy ty taly avao zahay sady hanesy anao amindrozy eo. Mampitama zahay fa tsy hamono anao." Le namehy azy tamy ty taly roe vaovao ndrozy le nanday azy nanganiky baka amy ty vato tao. ¹⁴lafa niavy ta Lehy tao ie, le nikorakoraky Filistinarey lafa nifanojo taminy. Niavy tamy ty hery ty Fanahy Yaveh. Azy taly tamy ty sandriny le nanjary manahaky ty lamba rongony may, le nilatsaky baka an-tanany teny. ¹⁵Nahita langin'apondra vaovao i samsona, le nangalaky anizay le namono lahilahy arivo tamizay. ¹⁶Le nivola hozao i Samsona: "Tamy ty langy ty apondra ro namonoako lahilahy arivo, saky ty karazany iaby." ¹⁷Lafa tampitsy ty safa i Samsona, le nanotorany azy langy iny, le nokaihany hoe Ramata Lehy toera iny. ¹⁸Narandrano mare i Samsona la nikaiky an'Yaveh sady nivola hozao: "Nanome ty fandreseba bevata toy tamy ty mpanomponao Iha. fe henanizao koa vasa ho maty ty marandrano zaho le ho maty an-tana ze tsy voasavatsy?" ¹⁹Nampisaraky ty toera loaky iny ze ta Lehy tao le nisy rono niboaky. Lafa nino ie, le nimpoly ty heriny le natanjaky ndraiky ie. Le nikaihany manao hozao En-Hakore toera iny, le zay le a Lehy any zisiky henanizao. ²⁰Nitsara any Israely naharisty roapolo tao i samsona tamy ty andro ty Filistina rey.

Chapter 16

¹Nandeha ta Gaza tany i Samsona le nahitaky makorely tany, le niara-nandry taminy ie. ²Lenivolaniny ta Gazita manao hozo: "Niavy tetoa i Samsona." Nihodidia i Gazita rey azy toera iny, niamby ay tam-bavahady ty tana tany ty lahy iaby ndrozy. Nitanjaky ty fahangina naharitsy ty haly iaby. Nivola hozo ndrozy: "Engaho zahay hiamby zisiky maha maray ty andro, le bakeo engaho zahay hamono azy."³Niegny tan-kitrely teo i Samsona zisiky mantognaly. tany matognaly le nifoha ie le nonjonony azy vavahady iny noho ty tolany roe. Nombotany niala tany ty tany rey, ty hiliny noho ty kila raha iaby, nengany tan-tsorokiny teo zay, le nanesiny nagnaniky tambohity teny rey, taloha i Hebrona teo.⁴Tafara anizay, le nitea ampela raiky ze nipetraky tan-doha ty tany malemy tiahy Soreka i samsona. Delila ty anarany. ⁵Niavy taminy teo ty mpanapaky ty Filistina rey, le nivola taminy manao hozo: "Verevereo i Samsona mba hahita ze misy ty heriny bevata, noho ty fomba handresenay azy, mba hahazanay mifehy azy hanafaha baraka azy. Anovo zay, le ameanay 1.100 kirakiraiky iaby sekely volafoty iha."⁶Le hozo tiasa i delila tany Samsona: Mangataka lahy, volano ahy ty mahavy anao le vatany matanjaky, sady manao akory ty mamehy anao, le ho voafehy iha? ⁷Hozo tiasa i Samsona taminy: "Lafa fehendrozy amy ty taly vaovao fito tsy mbo natany zaho, le manjary malemy zaho sady manahaky ty lahilahy hafa iaby."⁸Sady nanday taly vaovao fito ze tsy mbo natany hoahy ty Delila azy mpanapaky tiahy Filistina rey, le nifeheny tany rey i Samsona. ⁹Le nana lahilahy nivony ampahangina, ze nandigy tany ty efitsy ty tranony anainy tao ie.Hozo tiasany taminy: "Aminao eo azy Filistina rey,lahy Samsona1" Fe nitapahany manahaky ty taly ty foly mikasiky afo azy taly rey.Le tsy nihay ze ty sekire ty hatanjahany.¹⁰Le hozo tiasa i Delila tany Samsona: "Zao ty fomba namereverenao ahy noho nivolananao vandy tamiko. Mangataka lahy, volano ahy manao hozo amy fomba manao akory mandresy anao." ¹¹Hozo tiasany tamiko: "Laha fehendrozy amy ty taly vaovao ze mbo tsy nampiasa hoahy ty asa zaho, le halemy zaho sady hanahaky ty lahilahy hafa iaby." ¹²Le nangalaky taly vaovao i Delila le namehy azy tany rey, sady nivola hozo taminy: "Aminao eo azy Filistina rey, lahy Samsona1" AZy lahilahy nandigny le amy ty efitsy ty tranony anay ao. Fe nitapa i Samsona manahaky ty tpaky foly azy taly tany ty sandriny rey.¹³Hozo tiasa i Delila tany Samsona: "Zisiky amizao iha le mbo namerivery ahy sady nivola cvvandy tamiko. Volano ahy hoe manao akory ty fomba handresea anao." Fa hozo tiasa i Samsona taminy: "Laha trebehinao amy ty lamba amy ty fitrebeha eo ty vona ty voloko mihisaky fito, le bakeo le fantsiho amy ty fitrebeha zay, le manahaky t lahilahy hafa iaby zaho." ¹⁴Lafa niroro ie, le nitrebeha i Delila tany ty fitsebeha ty foto-bolo fito tany ty volony le namantsika anizay tany ty fitrebeha ie, le hozo tiasany aminy: "Amianao eo azy Filistina rey, lahy Samsona!" Nifoha tany ty torimaso ie le nombotany tany ty fitrebeha teozay lamba noho tsatoky iny.¹⁵Hozo tiasany aminy: "Ammy fomba manao akory ro hahazananao nivola manao hozo: "Teako iha,' laha tsy hivola ty sekirenao amiko iha? Namerivery ahy n-telo iha sady tsy nivola tamiko ty nananao ty fahatanjaha bevata zao." ¹⁶Saky sanandro le nisery azy mare tany ty safany ampela iny. sady nisery azy mare ty mba hiteavany ho maty.¹⁷Le nivola ty Samsona taminy ty kila raha iaby le hozo tiasany: "Mbo tsy nitapaha tany ty lamy mihintsy ty volon-dohako, safe zaho le Nazarita hoahy Ndranahare baka an-toky ty reniko, sady halemy zaho le manahaky ty lahilahy hafa iaby."¹⁸Lafa nihita i Delila fa nivola ty raha to mikasiky ty kila raha iaby ie, le nandefa noho nikaiky azy mpanapaky tiahy Filistina ie, nanao hozo: "Manganiha ndraiky, fa nivolaniny tamiko ty kila raha iaby." Le nandeha taminy tany azy mpanapaky tiahy Filistina rey, nanday ty volafoty tan-tanandrozy.¹⁹ Nanoviny azon-droro tany ty feny teo ie. Nikaiky ty lahilahy raiky mba hanaratsy ty vona fito tany ty lohany teo ie, le nanomboky naharesy azy ie, safe niala taminy ty heriny.²⁰Le hozo tiasany: "Aminao eo azy Filistina rey, lahy Samsona!" Nifoha tany ty torimasony ie le nivola hozo: "Hiboaky manahaky ty fotoa hafa zaho sady hampihetsiky malalaky ty vatako."Fe tsy hainy fa niala taminy Yaveh. ²¹Nisambotsy azy Filistina rey le nanapotaky ty masony rey. Nanday azy nijotso ta Gaza ndrozy sady namatotsy azy tany ty rojo saba. nanakoridy ty fikoseham-bary tan-gadra tany ie. ²²Fa nimpoly nitiry ndraiky ty volo tany ty lohany eo tafara ty nagnarata anizay.²³Niaraky nivoery azy mpanapaky Filistina rey mba hanesy soror bevata hoahy i Dagona ndranaharindrozy, sady hifety. Hozo tiasandrozy: " naharety any Samsona fahavalotsika ty ndranaharitsika sady nanenga azy tan-tanatsika ie."²⁴ Lafa nahita azy ty olo, le nanompo ty ndranaharindrozy, safe hozo tiasandrozy: "Fa naharesy ty fahavalotsika ty ndranaharitsika sady nanome azy ho ahintsika— azy mpandrava tytanatsika, ze namono ty lako tamitsika."²⁵Lafa nifety ndrozy, le hozo tiasandrozy: "Kaiho i Samsona, mba hampihehy antsika." Nikaiky any Samsona hiboaky ty trano maiky ndrozy. Nannovindrozy nintsanga tanelanela ty tsatoky ie. ²⁶Hozo tiasa i samsona tany aja lahilahy ze nitananta ty tanany: " Engaho zaho mba hitsapa ty tsatoky rey ze mampitoha ty trano bevata, mba hahazako hianky amy rey. ²⁷Le atsiky lahilahy noho ampela ty trano. Tao iaby azy mpanapaky tiahy Filistina iaby. Tokony ho lahilahy telo arivo teo vasa noho ty ampela tan-tafo ty trano, ze nagnenty any Samsona nampiala morimoritsy androzy.

²⁸Nikaiky any Yaveh i Samsona, le nanao hozo: "Tompo Yaveh, Tiarovo zaho! mangataky lahyatanjaho zaho amy ndraiky ttoty avao, lahy Ndranahare, mba hahaizako mamalyndraiky mandeha azy Filistina reyamy ty nanapotahany ty masoko roe" ²⁹Nitanjaha i Samsona azy toha tanivony rey ze nampitoha ty fanamboara bevata, le nianky tamindrozy rey teo ie, ty toha raiky tany ty tanany ankavaa, le ty raiky tany tanany havia. ³⁰Hozao tiasa i Samsona: "Engaho zaho ho maty miarakany amy Filistina rey!" Nanampatsy ty hatanjahany iele niravoky tany azy mpanapaky noho tany ty olo iaby ze tanany ty fanamboara bevata zay. Le ty maty ze novanoany tany ty nimatyle mandilatsy tany ze nivonoany naharitsy tany ty fiainany. ³¹Le nijotso azy rahalahany rey noho ty longo ty babany iaby. Nangalaky azy ndrozy, nanday azy nimpoly sady nandevy azy tanelanela i Zora noho Estaola tany ty toera fandevenatiahany i manoa, babany. Nitsara aany Israely naharitsy roapolo tao i Samsona.

Chapter 17

¹Nisy lahilahy raiky tamy ty vohitsy Efraima, le i Mika ty anarany. ²Hozao tiasany tamy ty reniny: "Ty sekely volafoty 1.100 ze nala taminao, mikasiky ty ozo ze nivolaninao, ze nireko__ ingo etoa! Mana volafoty amiko atoy zaho. Zaho ro nangalatsy anizay." Le hozao tiasa ty reniny: " Ho tahia Yaveh lahy iha, lahy anako!"³Nampoliny tamy ty reniny ty sekely volafoty 1.100 le hozao tiasa ty reniny taminy: hatokako hoahy Yaveh azy volafoty toy, fa hanamboatsy sarin-draha vonga ty anakilahiko, Le henanizao, le ampoliko aminao toy." ⁴Lafa nampoly tamy ty reniny ty drala, le nangalaky sekely volafoty roan-jato ty reniny sady nameany azy mpanefy vy rey ze nanao ty sari-ndraha vonga noho an'idy zay, le nanga tan-traho tiahy Mika rey.⁵Azy lahilahy hoe Mika iny le nana trano ty sampy sady nanamboatsy efoda noho tokatrano tiahy ndranahare ie, sady nanakarama raiky tamy ty anakilahiny ie mba hanjary mpisorony. ⁶Le tamy andro rey le tsy nisy mpanjaka ta Israely tany, sady nanao ze to tamasony teo ty olo iaby.⁷Le nisy pamaraky lahilahy ty Betlehema raiky ta Joda tao, baka amy ty longo i Joda, azy Levita iny. Niegny tany ie mba hanatanteraky ty liliny rey.⁸Niala ta Betlehema ta Joda tao lahilahy iny mba handeha sady nila toera hipetraha. Lafa nandeha ie, le niavy tan-trano tiahy Mika tamy ty tany vohitsy tiahy Efraima. ⁹Le hozao tiasa i Mika taminy: "Avia aia va ty fiboahanao?" Le hozao tiasa lahilahy iny taminy: "Levita tiahy Betlehema ta Joda tao zaho, sady nandeha zaho mba hila toera ze maty hipetrahako."¹⁰Le hozao tiasa i Mika taminy: "Miegnemna amiko atoy, le engaho iha ro baba noho ty mpisoro ho tiahy. Hameako sekely volafoty folo isan-tao, siky fisikina sady sakafonao iha." Le nilitsy tan-tranony tao azy Levita iny. ¹¹Le nahafaly any tiazy levita iny ty hipetraky miaraky amy ty lahilahy , le hoahy ty Mila le niavy manahaky ty anakilahiny azy pamaraky iny. ¹²Natoka i Mika ho tiahy adidy masy azy Levita in, le nanjary mpisorony azy pamaraky iny, sady tan-trano tiahy Mika ao. ¹³Le hozao tiasa i Mika: " hainao henanizao fa hanao soa ahy Yaveh, safe nanjary mpisoroko azy Levita toy."

Chapter 18

¹Tamy andro zay le mbo tsy mpanjaka ta Israely tao. Nila faritsy hipetraha ty foko a ty tariha Dana rey, safe tamy zay andro zay le tsy nahazo lova tamy ty foko a Israely mihintsy ndrozy. ²Nampaniraky lahilahy limy tamy olo lako mare tamy fokoan-drozy ty olo i Dana, lahilahy mpialy fa zatsy raharaha baka a Zora noho Estaola, mba handeha mbenimbeny an-togontsy amy tany zay any, sady hivola anizay. Hozao tiasan-drozy: "Mandina le hazao tany iny." Niavy tamy ty tany vohitsy tiahy Efraima ndrozy, tamy trano tiahy Mika tany, lafa haly ndrozy nijano tao. ³Lafa narikitsy ty trano i Mika ndrozy, le nahay ty fivola ty pamaraky Levita iny. Le nijano ndrozy sady nanontany androzy manao hozao: "Ia ty nanday anao tatoy? Ino ro nanovinao amy toera toy? Manino iha ro atoy?" ⁴Hozao tiasany tamindrozy: "Zao ty asa i Mika tamiko: Nokaramany hanjary mpisorony zaho." ⁵Hozao tiasandrozy taminy: "Mba anontanio lahy ty hevitsy Ndranahare, mba hahazanay laha ho mety ty lia ze nandinanay." ⁶Hozao tiasa ty mpisoro iny tamindrozy: "Mandina ampiadana. Hitariky anareo amy ty lala tokony handinanareo Yaveh." ⁷Le nandeha azy lahilahy limy rey le niavy ta Laisy tao, le nahitaky androzy niay ampiadana ty olo, manahaky ty fomba niaina ty Sidoniana rey, tsy voakoronta noho vaaro. Tsy nisy nandrava ndra nampijale androzy tamy ty kila fomba iaby tamy tany zay tao. nipetraky lavitsy azy Sidoniana rey ndrozy sady tsy nana fifandraisa ndra tamy ia ia. ⁸Nimpoly tamy ty fokoany ta Zora noho Estola tany ndrozy. Le nanontany azy ty longony rey manao hozao: "Ino ty tatitsinareo?" ⁹Hozao tiasan-drozy: "Avia! ndao hanafiky androzy! Fa nihitanay tany iny sady le vatany soa zay. Tsy hanao ndra ino ndra ino va nareo? Ka legnalegna hanafiky noho hangalaky tany iny." ¹⁰Lafa mandeha nareo, le ho avy amy ty olo zay mieritseritsy fa tsy mana fisalasa ndrozy, sady malalaky tany iny! Namean-Dranahary anareo zay--- le toera ze tsy ahita tsy fahampia amy tany iny ao." ¹¹Nisy lahilahy enin-jato baka amy ty foko a i Dana, mitanjaky fitaovam-pialia, niboaky baka Zora noho Estola tany. ¹²Nanganiky ndrozy le nipetraky ta Kiriata-jearima ta Joda tao. Zay ty antony hikaiha ty olo ty toera io hozao Mahane-dana zisiky henanizao; annreo ty Kiriata-jearima ao zay. ¹³Niala tao nandeha amy ty tany vohitsy i Efraima ndrozy le niavy an-trano i Mika ao. ¹⁴Le hozao tiasa ty lahilahy limy ze nandeha mbenimbeny tamy ty firenena i Laisy tamy ty laongony rey manao: "Hainareo va fa amy trano retia le misy efoda, terafima, sary vonga, noho say an'idina? Le henanizao manapaha hevitsy ty amy ze hanovinareo." ¹⁵Le nibio tao ndrozy le niavy tan-trano tiahy mpamaraky Levita iny tao, tan-trano tiahy Mika tao, le niarahaba azy ndrozy. ¹⁶Le azy danita enin-jato rey, nana fitaovam-pialia, le nitsangana teo amy ty filira ty vavahady. ¹⁷Azy lahilahy limy ze nandeha hisafo ty tany iny le nimbany le nagnalaky azy say vonga iny, azy efoda iny, terafima rey, noho azy sary an'idina, lafa nitsanga tamy ty filira tamy vavahady niaraky tamy ty lahilahy enin-jato manday fitaovam-pialia azy mpisoro iny. ¹⁸Lafa nandeha amy ty trano tiahy Mika rey le nangalaky ty sary an'idina iny, efoda, azy ndranahary ty toka-trano, sady azysary vonga, le hozao tiasa ty mpisoro iny tamindrozy: "Ino va raha anovinareo zao?" ¹⁹Hozao tiasan-drozy taminy: "Mintsigna! Anovo amy ty vavanao ty tananao le ndao hanoriky anay, le ho babanay noho mpisoronay iha. Teanao mare va laha mpisoro hoahy ty trano ty ahilahy raiky, sa mpisoro ho tiahy ty foko a raikynoho longo lako raiky a Israely ao?" Faly ty fo ty mpisoro iny. ²⁰Nalany efoda iny, azy terefima rey, noh ty sary vonga, le nandeha nagnoriky ty olo ie. ²¹Le nitoliky ndrozy le nandeha. Nanovindrozy talohany teo azy aja maliniky rey, manahakizay avao koa biby fihary noho ty hanagnandrozy rey. ²²Lafa lavitsy soa ty trano tiaky Mika ndrozy, le niaraky nampikaiha azy lahilahy ze tamy trano rey tanila ty trano tiahy Mika, le nitratsy niaraky amy Danita rey ndrozy. ²³Nikaiky mare tiahy danita rey ndrozy, le nitoloky ndrozy sady nivola tamy i Mika manao hozao: "Manino nareo ro niara-nikaiha?" ²⁴Hozao tiasany: "Nangalarinao ty ndranahary namboariko, nalanao ty mpisoroko, le nandeha nareo. Ino va ty sisa nenga ho tiahy? Amy fomba manao akory ty hahazanareo manontany ahy manao hozao: "Ino ty mampijale anao?" ²⁵Hozao tiasa ty olo i Dana taminy: "Tsy tokony hanganao hahare ze kila raha iaby volaninao iha, laha tsy zay le hisy olo meloky mare hanafiky anao, le hovonoa iha noho ty longonao." ²⁶Le nagnoriky ty lalany ty olo i Dana. Lafa nhita i Mika fa matanjaky mare ho tiahy ndrozy, le nibio ie le nimpoly tan-tranony tany. ²⁷Nala ty olo i Dana ze nanovy ty mika, manahaky zay avao koa ty mpisoriny, le niavy ta Laisy tao ndrozy, tamy ty olo ze tsy voankala noho tsy mana fisalasal le namono androzy tamy ty mesobe ndrozy sad nandoerp azy tana iny. ²⁸Tsy nisy ndra ia ndra ia nanavotsy androzy safe lala lavitsy tiahy i Sidona zay, sady tsy nana fifandraisa ndra taminia ndra taminia ndrozy. Tamy ty baibo ze anila i Beti-rehoba zay. Nampipoly hangataky ty tana rey i Danita le nipetraky tao. ²⁹Nameandrozy anara manao hozao Dana azy tana iny, anara ty Dana razambendrozy, azy raiky amy ty anakilahy Israely. Fa Laisy ty anara nahzatsy azy tana iny. ³⁰Natoka i olo tiahy Dana rey ho ahindrozy azy sary vonga iny. Jonatana anaky Gersoma, anaky Mosesy, ie noho ty anakilahiny le samby mpisoro ty foko a ty Danita rey baka amy ty andro nahazoa tany iny. ³¹Le nanompo ty sary vonga ze nanovy i Mika ndrozy naharitsy ty fotoa naha ta Silo ty tanon-Dranahare tao.

Chapter 19

¹Tamy zay andro zay, lafa tsy nisy mpanjaka ta Israely tao, le nisy lahilahy raiky, Levita, nivahiny tamy ty faritsy lavitsy mare tamy ty tany aba tiahy Efraima. Nangalaky ampela ho tiazy ie, valy masay baka a Betlehema i Joda tany. ²Fe tsy tokam-po taminy azy valy masainy iny; nanenga azy ampela iny le nimpoly tan-trano ty babany ta Betlehema i Joda tany. Niegny tany efa-bola ie. ³Le niary ty valiny le nagnoriky azy mba handresy lahatsy azy holy. Niaraky tamy ty mpanompony, noho ty apondra roe. Le nandesy tan-trano ty babany ie. lafa nahita azy ty baba ty ampela iny, ⁴le nifany ie. Ty rafozany lahilahy, azy baba ty ampela iny, le nandresy lahitsy azy mba hijano telo andro. Nisakafo noho nino ndrozy, le nandany ty haly tao. ⁵Nifoha taloha ndrozy tamy ty faha efatsy ty andro, le nihentsy ty handeha ie, kanefa azy baba ty anakampela io nivola hozao tamy ty vinantony lahilahy: "Tohano amy ty mofo aloha ty vatanao, le bakeo nareo mahazo mandeha." ⁶Le nipetraky ndrozy roe le niaraky nihina noho nno. Le hozao tiasa ty baba ty anakampela iny: "Mba manenkea handany ty halyle mifalea." ⁷Lafa nivoha mba handeha azy Levita iny, le nisery azy hijano ty baba ty ammpela iny, Nampiova ty hevitsiny ie lfa zay le niroro tao ndraiky. ⁸Tamy ty faha limy andro le nifoha aloha mba handeha ie, fa ty baba ampela iny nivola hozao: "Tohano aloha ty vatanao, le mandinasa zisiky maha haly ty andro." Le nisakafo ndrozy roe. ⁹Lafa nihentsy mba hiongaky azy Levita iny noho ty valy masainy le ty mpanompony, le nivola tamy ty rafozany lahilahy, azy baba ampela iny manao hozao: "Ingo, fa miha -haly ty andro. mijanona androany haly, le mifalea. Lafa hamaray nareo afaky mifoha aloha le mandeha moly." ¹⁰fa azy Levita iny tsy nazoto hiroro. Nihentsy ie le nandeha. Nandeha ta Jebosa tany ie (Jerusalem zay). nna ampondra nisy lasely roe ie le niaraky tamy ty valy masainy. ¹¹Lafa nariniky any Jebosa ndrozy, lafa narikiny ho haly ty andro, le azy mpanompony iny nivola tamy ty mpanompony manao hozao: "Ndao, nda tsika hibio an-tana ty Jebosita rey ao le hiroro amizay ao." ¹²Hozao tiasa ty tompony taminy: "Tsy hivily amy ty tana ty vahiny ze tsy anay ty olo Israely tsika. Handroso ho a Gibe a any tsika." ¹³Azy Levita iny nivola tamy ty pamaraky iny manao hozao: "Ndao, tsika handeha hoa amy ty raiky amy ty toera hafa rey, sady hiroro a Gibe a na rama any." ¹⁴Le nandroso ndrozy, le nilentiky ty masoandro lafa narikitsy any Gibe a ndrozy, amy ty faritsy ty tany tiahy Benjamina ao. ¹⁵Nibio tao ndrozy sady nirro ta Gibe a tao. Nandeha ndrozy sady nipetraky tamy ty kianja ty tana, fa tsy nisy olo ndra raiky nampandroso androzy lafa haly. ¹⁶Lafa bakeo le nisy lahilahy antitsy raiky noly baka ambaibo tany lafa halininy. Baka amy ty tany abo tiahy Efraima ie, le nivahiny ta Gibe a tao. Fe azy olo nipetraky tamy toera rey le i benjamita. ¹⁷Nampagnenty ty masony ie le nahitaky ty mpandeha baka lavitsy tan-kianja ty tana teo. Hozao tiasa lahilahy antitsy iny: "Ho aia va nareo? Baka aia ty niboahanareo?" ¹⁸Azy levita iny nivola taminy manao hozao: "An-dala baka a Betlehema i Joda tany ho amy ty faritsy lavitsy mare amy ty tany abo tiahy Efraima any, ze niboahako zahay. nandeha ta Betlehema i Joda tany zaho, sady nandeha ho an-trano Yaveh, fe tsy hisy olo hampandroso ahy." ¹⁹Mana akata noho ty sakafo hoahy ty apondranay zahay, sady misy mofo noho divay ho tiahy noho hoahy ty mpanompoko ampela atoy, sady hoahy ty pamarakinao miaraky amy ty mpanomponao. Tsy misy raha mampijale anay." ²⁰Le niarahaba androzy manao hozao lahilahy antistany iny: "Ho aminareo lahy ty fiadana! zaho ro hiantoky ty raha lanilanareo iaby. Fa ka miroro an-kianja etoa avao." ²¹Le nandesy ty lahilahy iny tan-tranony tany azy Levita iny sady nameany hany ty ampondrany rey. nanasa ty tombony ndrozy sady nihina noho nino. ²²Laha mbo nampifaly ty ainy ndrozy, le nisy lahilahy lako tan-tana tao, lahilahy tsy maeva, mihodidy ty trano, nipatsiky ty varavara. Nivola tamy ty lahilahy antitsy, azy tompo ty trano ndrozy, manao hozao: "Aboaho azy lahilahy ze niavy tan-tranonao tao, fa hiaraky handry aminy zahay." ²³Niboaky azy lahilahy iny tompo ty trano, sady nivola tamindrozy manao hozao: "Aha, lahy rahalahiko, ka manao ty raha raty zao tompoko! Safe azy lahilahy io vahiny an-tranoko ato, ka manao ty raha faly zao!" ²⁴Ingo, ato ty anakampelako tsy mahasaky lahy noho ty valy masainy. Enngaho handay androzy miboaky henanizao. Ravao noho anovo amindrozy ze teanareo hanovy aminy. Fa ka manao raha faly manahaky anizy amy lahilahy io!" ²⁵Fe tsy nijanjy azy lahilahy rey, le nnosambory ty lahilahy ty valy masainy le naboakiny tamindrozy teo. Nisambotsy azy ndrozy, nandrava azy, le liany nankaly le nanararaotsy azy, le nengandrozy nandeha ie lafa nimaray. ²⁶Lafa mb nazava raty le niavy ampela iny le niravoky tam-baravara ty trano azy lahilahy ze nisy ty tompony ie, le niampatsy teo ie zisiky ty mampazava ty andro. ²⁷Lafa maray le nifoha ty tompony le namoha ty varavara ty trano le niboaky hanohy ty lalany. nahita ty valy masainy niampatsy tam-baravara teo ie, le ty tanany tan-tokonam-baravara teo. ²⁸Le hozao tiasa Levita rey taminy: "Mifohaza, ndao tsika handeha" Fe tsy nisy namaly. Nakavitsiny tamy apondra teo ie, le niongaky holy amy any azy lahilahy iny. ²⁹lafa niavy tan-tranony tany azy Levita iny, le nangalaky meso ie, le norambesiny ty valy masainy, le notapatapahany, saky ty fizara ty taola, ho folo roe amby tetiky, le nampanday anizay heniky ty Israelly iaby. ³⁰Ze kila nahita anizay iaby le nivola hozao: "Raha mbo tsy nisy nanao ndra nahita baka amy ty andro nanganiha Israely baka amy ty tany Egypta zisiky henanizao zao. Eritsereto zay! Toro hevitsy zahay! Volano anay ze tokony hanovy!"

Chapter 20

¹Le niboaky manahaky ty olo raiky azy olo Israely rey, baka a Dana any le zisiky aBerisheba, anainy zay avao koa ty tany tiahy i Gileada, le niaraky nivory tanatreha Yaveh ta Mizpa tany ndrozy. ²Azy lahibe ty olo iaby, ty fokoa Israely iaby, nandramby ty toeran-drozy tany ty fiangona ty olo Ndranahare— lahilahy 400.000 mandeha tomboky, ze mazoto hialy amy ty mesobe. ³Le re ty olo tiahy Benjamina fa nagnaniky ta Mizpa azy olo Israely rey. Azy olo Israely rey nivola hozao: "Volano anay hozao manao akory ty nahavy ty kila raha raty zao." ⁴Azy Levita, valy ty ampela raiky ze novonoiny, namaly hozao: "Nandeha a Gibeany any amy ty faritsy ze tiahy i Benjamina zaho, zaho noho ty valy masaiko, mba hiroro tany." ⁵Liany nankaly, le nanafiky ahy azy mpitariky i Gibeany, nihodidy trano iny le nikinia ty hamono ahy. Nosamborindrony noho niravandrozy ty valimasaiko, le nimaty ie. ⁶Nalako ty valy masaiko le notapatapahako ty vatany, le nalefako tany ty faritsy ty lova Israely kiraikiraiky rey, safe nanatanteraky faharatia noho fanafiha manahaky zay ta Israely tany ndrozy. ⁷Henanizao, nareo Israelita iaby, ameo ty hevitsinareo sady manaboaha hevitsy etoa." ⁸Niaraky nitsanga manahaky ty olo raiky ty olo iaby, le hozao tiasandrozy: "Tsy hisy aminay handeha amy ty lainy, sady tsy hisy aminay himpoly an-tranony any! ⁹Fa heanizao le zao ro tsy maintsy hanovintsika any Gibeany: hanafiky androzy araky ty hitarihany ty filoka antsika tsika. ¹⁰hangalaky lahilahy folo amy ty zato amy ty arivo, le arivo amy ty ray aly, mba hangalaky vatia amy olo rey, Ka lava avy a Gibeany a Benjamina any ndrozy, le hosazia amy ty raty ze nanovindrozy ta Israely tany." ¹¹Lafa zay le nivory nanohitsy ty tana, manahaky ty olo raiky, azy miaramila tiahy Israely iaby. ¹²Nandefa lahilahy tany ty fokoa tiahy Benjamina azy fokoa Israely rey, nivola hozao: "Ino ty raty nanovinareo taminareo zao?" ¹³Lafa zay, omeo anay azy lahilahy raty fanahy a Gibeany rey, mba hahazanay mamono ho maty androzy, sady mba hanafahanay iaby ze raty zay amy Israely." Fa i Benjaminale tsy te hahare ty safaty rahalahany rey, azy olo Israely rey. ¹⁴Le niaraky niboaky tany ty tana azy olo tiahy Benjamina rey mba ho vono hialy amy ty olo tiahy Israely. ¹⁵Le niaraky nandesy kaba amy tana ao ndrozy ty olo Israely mba hialy amy ty miaramila roa aly nsy eninarivo ze fa nampianary hialy amy ty mesobe. Ankoatsy zay, e nisy lahilahy fiton-jato notinginy baka amy ty mpipetraky a Gibeany teo. ¹⁶Tany miaramila iaby rey teo le nisy lahilahy fito arivo voatingy ze ankavia. Ty kiraikiraiky tamindrozy le mahavita mitoraky singa ty volo amy ty vato ty pility le mipoly. ¹⁷Ty olon'Israely, laha tsy hisahy ty baka amy ty Benjamina, le mihisaky 400.000 olo, ze notingina hialy amy mesobe. Azy iaby rey le hahiahy mpialy. ¹⁸Nitsanga olon'Israely rey, nandeha ta Betela tany, le nangataky tororhevitsy tany Ndranahare; velohany tiahy oo i Benjamina ho ahinay?" le nivola hozao Yaveh: "Joda ro hanafiky velohany." ¹⁹Nifoha maray azy olon'Israely rey sady nampifalo ty tobiny anila i Gibeany. ²⁰Niakatsy hialy tany Benjamina azy olo Israely rey. Nanenga ty toera amy aly ta Gibeany ndrozy. ²¹Niboaky baka a Gibeany azy olo tiahy Benjamina rey, baka namono lahilahy ty miaraima Israely roa aly sy roe arivo tany andro zay. ²²Fa nampahery vata ty olo Israely sady namoro filaraha tany toera zay nilaharandrozy tany ty andro velohany ndrozy. ²³Le nagnaniky olo Israely rey le nitany taloha Yaveh zisiky ty hariva ty andro ndrozy, sady nila lala baka amy Yaveh ndrozy. Hozao tiasan-drozy: "Tokony hialy amy ty rahalahany va zahay, azy olo tiahy benjamina rey?" Le Yaveh nivola hozy: "Tafiho ndrozy!" ²⁴Tany ty andro faharoa le nandeha nanohitsy azy miaramila tiahy Benjamina azy olo Israely. ²⁵Tany ty faharoa ty andro, le niboaky nanohitsy androzy ta Gibeany i Benjamina le namono lahilahy ray aly sy valo arivo tany ty oo Israely. Ndrozy iaby le lahilahy nampianary hialy amy ty mesobe. ²⁶Le nandeha niakatsy a Betela iaby ty miaramila tiahy Israely noho ty olo iaby le nitany, le nipetraky taloha Yaveh tany ndrozy le nifaly hany zisiky ty hariva ty andro iny tany andro zay sady nanesy fanday horoa noho fandaim-pilongoa tanatreha Yaveh teo. ²⁷Nanontany any Yave azy loholon'Israely rey— safe tany ty fiara ty fanenkea Ndranahare tany fotoa zay, ²⁸le nanompo tanatreha ty fiara i Fineasany anaky Eliazara anakilahy i Arona tany andro zay—"Tokony hiboaky hialy amy ty olo i Benjamina, rahalahany, ndraiky avao koa va zahay sa hiegny?" Hozao tiasa Yaveh: "Tafiho, safe hanampy anareo handresy androzy Zaho lafa hamaray." ²⁹Le nanenga olo tany ty toera mivony nihodidy any Gibeany ilraely. ³⁰Nialy tany ty olo tiahy Benjamina azy olo Israely rey tany ty faha telo andro, sady nanenga ty filaharan'aly nanohitsy an'i Gibeany ndrozy manahaky ty nanoviny taloha teo. ³¹Nandeha le nialy tany ty oloty olo tiahy Benjamina, le voaroaky niala ty tana ndrozy. Nanomboky namono ty ilany tany ty olo ndrozy. Tany ty olo Israely telopolo teo ro nimaty tam-baibo tany noho tan-dala tany. Ty raiky tany lala le nagnaniky nandeha a Betela, le ty raiky hafa le nandeha ta Gibeany any. ³²Le hozao tiasa ty olo Benjamina: "resy ndrozy le nilay lavitsy antsika, manahaky tany velohany avao." Fe hozao tiasa ty miaramila Israely: "Ndao tsika hilay himpoly le handroaky androzy hiala amy ty tana ho an-dala eny." ³³Le nitsanga baka an-toera ndrozy ty olon'Israely iaby le nanao filahara'aly ta bala-tamara. Le nilay nivoaky baka amy ty fitoera ty miaramila Israely ze mivony tany ty toera fivonia ta mare-gibeany. ³⁴Ndrey nisy lahilahy nampianary ray aly baka amy ty Israely niboaky nanohitsy an'i Gibeany, le nangirifiry ty aly, fa tsy nahay azy Benjamita rey fa nagnanto androzy ty loza. ³⁵Nandresy any

Benjamina taloha Israely Yaveh. Tamy andro zay, le nahafaty ty olo tiahy Benjamina 25.100 rey miaramila tiahy Israely. Azy maty iaby rey le azy nomany hialy amy ty mesobe.³⁶Le nihita ty miaramila tiahy Benjamina fa resy ndrozy. Nanome lala tiahy Benjamina azy olon'Israely, safe nataoky olo ze nengandrozy tamy ty fitoera nivony tambalakiny Gibeá ndrozy.³⁷Le nitsanga azy lahilahy nivony le nilomay ta Gibeá malaky, le tamy ty mesobendrozy ro namonoany ty olo iaby ze nipetraka tan-tana tao.³⁸Ty famantara nifanaraha tamy miaramila tiahy Israely noho azy lahilahy nivony mangiky le hisy rahona setroky bevata hanganiky baka an-tana ao.³⁹Lafa nandeha ty famantara le namono fo tamy tyaly azy miaramila tiahy Israely rey. Le nanomboky nanafiky ty Benjamina le nahafaty ty olon'Israely mihodidy fa ho telopolo eo vasa, le hozao tiasandrozy: "Azo antoky fa resy anatrehatsika eo ndrozy, manahaky ty tamy ty aly velohany."⁴⁰Lafa nanomboky raho lako niboaky baka amy ty tana tao le nitoliky Benjamita rey le nahitaky setroky nagnaniky ty lanitsy bana amy ty tana eo iaby.⁴¹Le nivaliky tamindrozy ty olo t Israely. navaka azy lahilahy tiahy Benjamina rey, fa hitandrozy fa niavy tamindrozy ty loza.⁴²lafa zay le nilay ty olon'Israely ndrozy, nilay tamy ty lala manenda anefitsy any. Fe nahazo androzy ty aly. Niboaky ty tana azy miaramila tiahy Israely le namono androzy tamy ze nitsaganany teny.⁴³Nihodidy ty benjamita ndrozy, nanao sambotsy mare androzy sady nagnitsakitsaky androzy ta Noaha tany, tamy ty lala ty ilany antinana i Gibeá.⁴⁴Ray aly sy valo arivo eo olo nimaty baka amy ty foakoa tiahy benjamina, ty iaby tamindrozy le lahilahy niavaky tamy ty aly.⁴⁵Nihodidy androzy le nilay nandeha mbanefitsy ty tany amy ty vatolampy ty Rimona. Nahafaty olo dimarivo hafa tamindrozy ty Israelita tan-dala teny. Nihindignindrozy avao ndrozy, sady nagnoriky androzy marikitsy tan-dala nandeha ta Gidoma tany, le tany ty nahafatindrozy olo roarivo fanampiny.⁴⁶Roa aly sy dimy arivo azy miaramila tiahy Benjamiana iaby nimaty tamy ty fotoa zay--- le hlahiahy ze voaoma hialy amy ty mesobe; ndrozy iaby le niavaky tamy ty aly.⁴⁷Fe lahilahy enin-jato ro niodiky le nilay tanefitsy tany, nandeha amy ty lafiam-bato tiahy Rimona. Nipetraky tamy ty vatolampy tiahy Rimmona naharitsy efa-bola ndrozy.⁴⁸Nimpoly hanohitsy azy olo tiahy benjamina azy miaramila tiahy Israely rey sady nanafiky noho namono androzy--- ty tana iaby, azy bibi fihary rey, sady ty kila raha iaby ze nihitan-drozy. Noroan-drozy avao koa azy tana iaby tamy ty lalandrozy.

Chapter 21

¹Le ty lahilahy Israely nanao fampitama ta Mizpa ao nanao hozao: "Tsy misy amitsika hanome ty anakampelany hanambaly Benjamita." ²Le nandeha ta Betela tany ty olo le nipetraky tany tanatrenan-Dranahare teo zisiky ty haly, sady nitany mare tany ty feo anbo ndrozy. ³Hozao tiasan-drozy nikaiky mare: "Manino,lahy yaveh, Ndranaharen'Israely, ro le niseho tany Israely zao, le tsy ho aminay etoa sasy ty raiky amy ty fokoa nay henanizao?"⁴lafa hamarainy le nifoha maray ty olo le nanamboatsy alitara teo le nanesy fanday horoa noho fanatim-pilongoa. ⁵Hozao tiasa ty olo tiahy Israely: "Ia tany ty fokoa ty Israely varo tsy nanganiky tany ty fiangona tany Yaveh tany?" Safe nanaofampitama le vatany bevata ndrozy mikasiky ty olo ze tsy niakatsy tany Yaveh ta Mizpa tany. Hozao tiasandrozy: "Le vatany hovonoa ho maty ie."⁶nana fangoraham-po tany Benjamina raha;ahan-drozy ty olo Israely. Hozao tiasan-drozy: "Voambotsy tsy ho amy ty Israely eo ty fokoa raiky henaniza. ⁷Ia ty hanome valy ty sisa tavela, safe fa nanao fampanantena tany Yaveh tsika fa tsy hanenga androzy hanambaly azy anakampelatsika?"⁸Hozao tiasan-drozy: "Ia tany ty fokoa Israely ro tsy nagnaniky tany Yaveh ta Mizpa tany?" Hay fa tsy nisy olo niavy tam-piangona tao ty avy baka amy Jabesy Gileada. ⁹Fa lafa niaongy tany ty fomba nilamy ty olo, le ingo, tsy nisy niavy teo azy mpipetraky a Jabesa Gileada rey. ¹⁰Nampaniraky ray aly sy roa arivo tany azy lahilahy be herim-po mihintsy niaraky amy ty torimariky ty fiangona mba handeha a Jabesy Gileada any le hanafiky androzy, sady hamono androzy, eka fa ndra vo ty aja noho ty ampela aza."¹¹"Zao ty anovo: Tsy maintsy vonoanareo ty lahilahy iaby noho ty ampela iaby ze niaraky nandry tany ty lahilahy." ¹²Nahita somondrara efa-jato ze mbo tsy niaraky nandry tany ty lahilahy tany ty velo ta Jabesy Gileada azy lahilahy rey, le nandesin-drozy tan-toby ta Silo tany, ta kanan ndrozy.¹³Nandefa hafatsy tany ty olo tiahy Benjamina ze tany ty haram-bato tiahy Rimona ty fiangona iaby fa nanesy fihavana hoahindrozy. ¹⁴Nimpoly tany ty andro zay azy Benjamita rey le nameandrozy azy ampela i Jabesy Gileada rey, fe tsy ho ampy adrozy iaby ty ampela rey. ¹⁵Naneny tany ze niseho tany Benjamina ty olo, safe nozarazara Yaveh azy fokoa tiahy Israely rey.¹⁶Le hozao tiasa ty mpitariky ty fiangona: "Hanovitsika manao akory ty hanomeza valy hoaty ty Benjamina rey?" ¹⁷Hozao tiasandrozy: "tsy maintsy misy lova hoahy ty ilany sisa velo tiahy Benjamina rey, mba tsy hisy fokoa norava amy ty Israely."¹⁸Tsy afaky nanome valy baka amy ty anakampelanay hoahindrozy rey zahay, safe nanao fampanantena azy olo tiahy Israely rey manao hozao: 'Voaozo ze nanome valy tiahy Benjamina.'"¹⁹Le hozao tiasany: "Hainareo fa isan-tao le misy andro fifalea hoahy Yaveh a Silo any(avaratsy Betela, antinana ty lala miakatsy baka a Betela mandeha a Sekema any, le antimo ty Lebona)."²⁰Nandidy ty lahilahy ty Benjamina ndrozy, nanao hozao: "Mandina le mivonia sady mandinasa amy tany ty voaloboky ao. ²¹Mandinisa ty fotoa ze hiboaha ty anakampela baka a Silo any hitsinjaky, le miboaha malaky baka amy ty tany ty voaloboky le misambora valy baka amy anakampela baka a Silo ao kitaikiraiky baka aminareo, bakeo le mimpolia amy ty tany Benjamina any. ²²Lafa avy hanohitsy antsika azy babandrozy rey ndra ty anadahindrozy rey, le hivola hozao tsika: 'Ampitoro fandefera zahay! Engaho ndrozy hiegnny safe tsy mba nahazo valy hoahy ty lahilahy kiraikiraiky baka amy ty aly zahay. Tsy mana-hakeo nareo, safe tsy nameanareo androzy ty anakampela nareo.'"²³Nanovy ty olo tiahy Benjamina rey zay. nalandrozy tany ty anakampela ze nitsinjaky ty isaky ty valy ze nilan-drozy le nandesin-drozy ho valindrozy. Nandeha ndrozy le nimpoly tany ty tera nilovan-drozy rey. Nahorin-drozy ndraiky ty tana noho ze nipetraky tamizay tao. ²⁴Le nanenga zay toera zay le nandeha noly ty olon'Israely, samby amy ty fokoa noho ty longony iany, sady samby amy ty lovany iaby.²⁵tsy nisy mpanjaka ta Israely tao tany andro zay. Samby manao ze to tamaso ty olo iaby.

Ruth

Chapter 1

¹Tany ty andro nanapaha ty mpitsara rey le nisy mosary tany ty tany eo, sady lahilahy raiky baka Betlehema i Joda ao nandeha tany ty tany Moaba any niaraky tany valiny noho anakilahiny roe rey. ²Ty anara azy lahilahy iny le Elimeleka,sady ty anara ty valiny la Naomy. Ty anara anakilahiny roe rey le Malona noho Kilona, ze Efratita baka Betlehema i Joda any. Baka amy ty tany Moaba any ndrozy sady nipetsaky ao.³Sady maty i Elimeleka, valy Naomy, ka le ie sisa ro tavela niaraky tany ty anakilahiny roe. ⁴Anakilahiny rey ro nangala-baly tany ty ampela i Moaba rey; ty anara ty raiky le i Orpa, sady ty anara ty raiky le i Rota. Nipetsaky tao tanay ty folo tao ndrozy.⁵ Bakeo le maty i Malona noho Kilona, nanenga Naomy tsy misy valiny sady tsy misy anany roe rey.⁶Bakeo Naomy nanapa-kevitsy ty hiala i Moaba miaraky amy ty vinantony ampela sady nimpoly ta Joda tao safe fa rény tany ty faritsy Moaba ao fa nanampy ty olo lakony ze nila fanampea i Yaveh sady nanome hany

androzy. ⁷Le niala ty toera ze niarahany tamy ty vinantony ampela roe ie, ka le nandeha nijotso ty lalá ndrozy mba himpoly amy ty tany Joda. ⁸Hoasa Naomy tamy vinantony ampela roe rey hozao: "Mandehana, mimpoly, amy ty tsanon-dreninareo any, nareo kirai-draiky iaby. Yaveh lahy hampitoto ty hasoam-panahy aminareo eo, manahaky ty nampitotoanareo hasoam-panahy tamy ty maty noho tamiko. ⁹ Ty Tompo lahy hanome anareo ka le hahitanareo fiadana, nareo kirai-draiky baka amy ty tsano ze valy hafa ao. "Sady nanoroky androzy ie, sady nanondro ty feony ndrozy ro nitany. ¹⁰ Hoasa ndrozy taminy hozao: "Aha! hiaraky-himpoly aminao ho amy ty olo lakonao any zahay." ¹¹Nefa Naomy nivola hozao: "Mandehana mimpoly, anak'ampelako! Nanino nareo ro handeha hanoriky ahy? Mbo hana anakilahy an-tsarotsoko ato va zaho ho anareo, ka le hanjary valinareo ndrozy? ¹² Mandehana mimpoly, anak'ampelako, tohizo ty lalanareo, fa antitsy zaho laha hanambaly. Laha mivola zaho hozao: 'Manantena zaho fa hahazo valy androany haly,' sady hiteraky aja lahilahy, ¹³le mbo handiny androzy zisiky maha bevata azy va nareo? Handina va nareo sady tsy hanambaly lahilahy amy zao? Aha, anak'ampelako! Mampalahelo ahy biby zay, mandilatsy noho ty alahelonareo ty amy zay, safe ty tana Yaveh ro namango ahy." ¹⁴Sady nanonjo ty feony vinantony ampela rey sady nitany ndraiky. Nanoroky nanao veloma ty rafozany ampela i Orpa, fa i Rota nipitiky taminy eo. ¹⁵Hoasa Naomy hozao: "Janjino, noly tamy olo lakony rey any noho njanahariny rey ty anabavinao. Mimpolia miarakany amy ty anabavinao." ¹⁶Nefa i Rota nivola hozao: "Mba ka enga hanalavitsy anao zaho, fa ze andehananao, ro handehanako; ze hijanonanao, le hijanonako; ty olo lakonao le ho olo lakoko, sady ty Njanaharinao to ho Njanahariko. ¹⁷Ze toera hahafaty anao, le hahafaty ahy, sady any ro nandevana ahy. Yaveh lahy hanasazy ahy, sady mandilatsy aza, laha ty fahafatesa fa tsy raha hafa avao ro mampisarakany antsika." ¹⁸Lafa hita Naomy fa tapa-kevitsy handeha hiaraky aminy i Rota, le nanajano ty fialin-kevitsy taminy ie. ¹⁹Le nandeha ndrozy roe zisiky iavian-drozy tan-tana Betlehema ao. Zao ro nitsangana lafa avy ta Betlehema ao ndrozy, ty tan-tana ao iaby ro taitsy tamin-drozy. ²⁰Hoasa ampela rey hozao: Naomy va toy? Kanefa hoy ie tamin-drozy hke: "Mba ka kaihy hozao Naomy zaho. Kaiho hoe Mara zaho, safe nampanday ahy ty mangily bibiky ty Tsitoha. ²¹Niboaky atsiky zaho, nefa Yaveh nanday ahy nimpoly tamy ty tanam-polo tan-tsano ao. Laha zay nanino nareo ro mikaihy ahy hoe Naomy, amy ty fahita ty fanasazia Yaveh ahy, fa azy Tsitoha iny le nampijaly ahy?" ²²Sady Naomy noho Rota azy Moabita iny, vinantony ampela le nimpoly tamy ty tany Moaba any. Avy ta Betlehema ao ndrozy tamy ty fanomboha ty fambolea vary.

Chapter 2

¹Sady Elimeleke, valy Naomy, le nana longo mariny, i Boaza, ze nanan-kanana, noho lahilahy nanam-pahefa.

²Rota, azy Moabita iny, nivola tamy Naomy hozo: "Amy zao engao zaho handeha sady hitimpo ze sisa tavela amy salohim-bary rey am-baibo eny. Hanoriky ze olo ahitako fitea amasonao eo zao." Ka le hoasa Naomy taminy hozo: "Mandehana, anakampelako."³Le nandeha i Rota sady nitimpo ze sisa tavela tamy ty baibo eny lafa baka nambolén-drozy zay. Sady sendra avy tamy ty anjara baibo Boaza eo, ze longo Elimeleka ie. ⁴Sady ingo, Boaza avy baka Betlehema any sady nivola tamy mpamboly rey hozo: "Ho aminareo lahy i Yaveh. "Namaly azy ndrozy hozo: "Hitahy anao lahy i Yaveh. "⁵Sady Boaza novola tamy ty mpiasany ze nanara-maso mpamboly rey hozo: "Anania moa tovolahy io?" ⁶Azy mpiasa mpanara-maso iny ty mpamboly namaly sady nivola hozo: "Tovolahy Moabita niaraky nimpoly tamy Naomy baka amy ty tany Moaba any io. ⁷Nivola tamiko ie hozo: 'Mba engao lahy zaho hitimpo ze ambiny am-baibo eo lafa baka mamboly teto ie ka le nanohy nanomboky tamy ty maray ka le zisiky amy zao, fa nangalaky ay Kelikely tan-tsano ao ie."⁸Le hoasa Boaza tamy Rota: "Mijanjy ahy va iha, anaky? Mba ka mandeha mitimpo amy ty baibo hafa any; mba ka miala ty baiboko. Fa koa, mijanona eto ka le miaraha-miasa amy tanora ampela mpiasako. ⁹Amy ty baibo eo ze hambolea ty zatovo avao ro afatoho ty masonao ka le fanaraha baka afara ampela hafa rey eo. Tsy fa nivola zatovo rey tsy hikasiky anao va zaho? Ndra ombia ndra ombia iha ro mangetaheta, le afaky mandeha amy ty sihon-drano eo iha sady mino ty dano ze fantsaka zatovo rey."¹⁰Le niondriky tanila Boaza eo ie, nampikasiky ty lohany tamy ty tany. Hoy ie taminy: "Nanino ro le nahita fitea tamasonao teo zaho, ka le mitahy ahy iha, zaho ze mpivahiny?" ¹¹Namaly i Boaza ka le nivola taminy hozo: "vita sesy tamiko tatoy, ze iaby nanovinao zisiky amy ty nahafaty ty valinao. Niala ty babanao, ty reninao, sady hanoriky ty rafozanao ampela ka le handeha ho amy ty olo lako any ze tsy hainao. ¹²Njanahary lahy hamaly fitea anao noho ty asanao. Enga anie iha handramby ty takalo atsiky baka amy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ze nahitanao fialofa tambany elatsiny tao."¹³Le hoy ie bakeo: "Enganie hahita fitea amasonao eo zaho, tompo, fa nampieny ahy iha, sady nivola tamy ty fahatsoram-po tamiko, ndra le tsy anay mpiasa ampelanao rey aza zaho."¹⁴Tamy ty lera fihinana le hoasa Boaza tamy Rota: "Avia eto, sady mihinana amy mofo, ka le ajoboho amy ty divay manditsy ao ty tapa-mofonao." Le nipetsaky tanila mpamboly rey teo ie, sady nanome vary voaendy ho azy ie. Nihina ie zisiky mahavintsy azy sady nengany ty ambiny zay. ¹⁵Laha nitsanga hamory voa rey ie, le nibeko pamarakiny rey i Boaza, nanao hozo: "Engaho ie hamory ty voa na le amy vokatsy rey eo aza, sady mba ka mivola azy tsy hanao zay. ¹⁶Sady manoraha salohim-bary lakolako baka amy ty vokatsy ho azy avao, le engao zay mba havoriny, sady mba ka masiaky azy."¹⁷Ka le nitimpo tam-baibo eny ie zisiky hariva ty andro. Bakeo le nivoha salohim-bary ze voavory rey ie, sady hordea tokony ho raiky efaha eo zay. ¹⁸Nalefany zay ka le nana an-tanà any ie. Bakeo le hita ty rafozany ampela voavory rey. Nanday vary nendezy ambin-kany iny avao koa i Rota ka le nanome zay ho azy. ¹⁹Hoasa ty rafozany ampela taminy hozo: "Taia iha ro nitimpo androany? Taia iha ro nandeha niasa? Ho tahy lahy ty lahilahy ze nanampy anao." Le nivolany Rota tamy ty rafozany ampela ty mikasiky azy lahilahy ze nana baibo niasany iny. Hoy ie hozo: "Boaza ro anara azy lahilahy ze tompo ty tany niasako iny androany." ²⁰Hoasa Naomy tamy ty vinantony ampela hie: "Ho tahy Yaveh, azy tsy nahafoy ty fahitany iny tamy ty velo noho ty maty lahy ie." Hoasa i Naomy taminy: "Longotsika marikitsy azy lahilahy iny, raiky amy ty longo mpanavotsy antsika."²¹Hoasa Roto Moabita hozo: "Hoasany vatany tamiko hozo: 'Tokony hifanariny amy ty pamarakiko zisiky any iha zisiky havitan-drozy ty famboleam-bokatsiko iaby.'" ²²Hoasa i Naomy tamy Rota vinantony ampela hozo: "Soa zay, anak'ampelako, ty handehananao miaraky amy mpiasany ampela rey, mba tsy hisy hahazo anao amy ty baibo hafa any."²³Ka le nipetsaky anila mpiasa ampela rey i Boaza ie mba hitimpo zisiky mahatampitsy ty fambolea vary hordea noho ty fambolea varim-mbazaha. Niaraky nipetsaky tamy ty rafozany ampela ie.

Chapter 3

¹Sady Naomy, rafozany ampela, nivola taminy hozao: "Anak'ampelako, tsy tokony hila toera mba hijanonanao va zaho, mba hahasoa anao?" ²Sady Boaza, azy lahilahy ze niarahanao ty mpiasa ampela mpiasany iny, tsy longotsika va ie? Ingo, hikororoky vary hordea am-pamolooana ao ie lafa haly.³Laha zay, sasao ty vatanao, hosoro menaky ty vatanao, anovo akanjonao soa bibiky rey, sady mijotso am-pamolooa any. Fa mba ka anovy hain'olo iha zisiky havitany mihina noho mino. ⁴Fa laha miroro ie, araho maso ty toera hiroroany mba hafahanao mana aminy any bakeo, alao ty siky amy ty tombony, sady miroroa eo. Le hovolany aminao ze hanovy." ⁵Hoasa Rota tamy Naomy: "Hanao ty raha iaby nivolaninao zaho,"⁶Ka le nijotso tam-pamolooa tany ie, sady nanaraky toro-mariky name ty rafozan-ampelany azy rey. ⁷Lafa nihina noho nino i Boaza sady faly ty fony, le nandeha niroro tafara-tontan-bary teo ie. Bakeo le avy tsimoramora ie, nangalaky ty siky tamy ty tombony, sady niroro.⁸Zao ro niboaky lafa taitsy lahilahy tamy ty vakimira haly. Nitoliky ie, sady tampoky teo ingo nisy ampela niroro tan-tombony teo! ⁹Hoy ie: "Ia iha?" Ke namaly ie hozao: "Zaho ro Rota, mpiasa ampelanao. Atanino amy ty mpiasa ampelanao ty sikinao, fa longo marikitsy iha."¹⁰Hoasa Boaza: "Anak'ampelako, hotahy Yaveh lahy iha. Fa nanoro hasoam-panahy bevata bibiky tafara ato noho ty tamy ty velohany iha, safe tsy nanaraky ty pamaraky iha, na mijaly na mpanarivo. ¹¹Amy zao, anak'ampelako, mba ka aza matahotsy! Hanoviko ho anao ty iaby ze volaninao, safe ty tanà ty olo lako iaby mahay fa ampela soa iha."¹²Marina fa longo zaho, fe misy longo marikitsy avao koa noho zaho. ¹³Mijanona eto laha laha haly, sady amy ty maray, laha hahavita ty voiny maha longo marikitsy ho anao ie, soa zay, engaho ie hanao voy maha longo marikitsy. Fa laha tsy hanao ty voy maha-longo marikitsy. Fa laha tsy hanao ty voy ty maha-Longo marikitsy ho ahy nao ie, le hanoviko zay, noho ty fahaveloma Yaveh. Miroroa zisiky maray."¹⁴Le niroro tan-tombony teo zisiky-maray ie. Fa nifoha ie laha mbo maiky tsy ahaiza olo iny ty andro. Fa i Boaza nivola hozao: "Ao tsy ho hay hoe avy amamolooa eo ty ampela." ¹⁵Le hoasa i Boaza: " Andeso ty siky fisikinany sady tanjaho zay." Lafa nanao manahaky ty ie, le nanametatsy vary hordea in'eny ty famarana tanay zay ao ie sady nampipetsaky ty enta taminy teo. Le nana an-tana any ie.¹⁶Lafa niavy tamy rafozany ampela any Rota, le hoy ie: "Nanino ro nanovinao, anak'ampelako?"Le nivola taminy ty iaby ze nanovy ty lahilahy taminy i Rota. ¹⁷Hoy ie: "Vary hordea in'eny ty fanampera ndreto ro nameany ahy, fa hoy ie: 'Mba ka mandeha avao amy zao mana amy ty rafozam-bavinao any.'¹⁸ Le hoasa i Naomy: "Mijanona eto,anak'ampelako, zisiky-hahaizanao ze fivalihan-draha, fa tsy hijano ty lahilahy zisiky-havita raha zay henanikio."

Chapter 4

¹Sady niakatsy tamy ty varavara i Boaza eo sady nijano teny. Ingo, avy azy longo marikitsy iny fa niresaha i Boaza. Hoasa Boaza taminy hozo: "Namako, Mamonjea sady mipetsaha eto." Namonjy azy lahilahy iny sady nipetsaky. ²Bakao le nangalaky lahilahy folo tamy olo-bevata rey tan-tanà teo i Boaza sady nivola hozo: "Mipetsaha eto." Ka nipetsaky ndrozy. ³Hoasa i Baoza tamy azy longo marikitsy iny hozo: "Naomy, ze nimpoly baka amy ty tanà i Moaba any, le mamarotsy an-tsasa-tany ze ahy Elimeleka rahalahintsika. ⁴Nieritseritsy ty hampahaiza anao noho hivola aminao zaho hozo: 'Vilio anila ze mipetsaky eo eto zay, sady anila olo-bevata eo ty olo lakoko.' fa laha maniry ty hisarombaky zay iha, havota zay. Fa laha tsy teanao ty hanavotsy zay, le volano zaho, mba hahaizako, safe tsy misy hanarombaky hafa tsy iha henanikio, sady zaho manoha anao." Sady hoasa azy lahilahy raiky hafa iny hozo: "Ho avotako io." ⁵Sady hoasa i Boaza hoe: "Amy ty andro ze hiviliana tany io an-tana Naomy eny, le tsy maintsy mangalaky an'i Rota Moaba iny, valy azy lahilahy maty iny, mba hanonjo ty anara azy lahilahy maty iny amy ty lovany avao koa iha." ⁶Sady hoasa longony marikitsy iny hozo: "Tsy afaky ty hisarombaky ho ahy ty vatako zaho laha manimba ty lovako zay. Alao ho ahy nao ty zo ty fanavota zay zaho." ⁷Sady zay ro fomba taloha ta Israely ao mikasiky ty fanavota noho fifanakalozan'enta. Mba hampahereza ty raha-iaby, ty lahilahy raiky ro nangalaky ty kirarony sady nanome zay ho ahy ty mpiara-belo aminy; Zay ro fomba fananova fi fanenkea manara-dalana ta Israely ao. ⁸Ka hoasa longony marikitsy iny tamy Boaza hozo: "Vilio ho ahy ty vatanao zay," sady nalany ty kapany. ⁹Sady hoasa i Boaza tamy olo-bevata rey noho ty olo iaby hozo: "Vavolombelo nareo androany fa niviliko iaby ze iaby ahy Elimeleka noho ze iaby ahy Kiliona sady Mahalona tan-tana i Naomy eny. ¹⁰Laha ty mikasiky Rota Moabita iny, valy Mahalona: Fa nalako ho valiko koa ie, mba hafahako manonjo ty anara lahilahy maty iny mba ho lovany, ka le tsy hiala amy rahalahiny rey eo noho amy ty varavara ty fipetrahany eo ty anarany. Vavolombelo nareo androany." ¹¹Hoasa ty olo iaby ze tamy ty varavara teo noho olo-bevata rey hozo: "Vavolombelo zahay. I Yaveh lahy hanao azy ampela ze avy antsanonao ao iny hanahaky i Rahely noho Lea, ndrozy roe ze nampitsanga ty tsano ty Israely; sady enga anie iha homety Efrata ao sady halaza Betlehema ao. ¹²Enga anie ty Ssanonao hanahaky ty tsano Fareza, ze nateraky Tamara tamy Joda, amy ty alala ty tariha ze hamea Yaveh anao miarakany amy somondrara io." ¹³Ka nirambesy i Boaza i Rota, sady le nanjary valiny ie. Niaraky niroro taminy ie, sady i Yaveh ro nanenga azy ho bevoka, sady niteraky aja lahilahy ie. ¹⁴Hoasa azy ampela iny tamy Naomy hozo: "Hisaora lahy i Yaveh, ze tsy nanenga anao tsy hanan-dongo mariny, le aja toy. Halaza Israely ao lahy ty anarany. ¹⁵Enga anie ie hampimpoly ty fiainanao iny amy ty baka velohany sady hikarakara anao lafa antitsy iha, fa ty vinantonao, ze tea anao, ze soa aminao mandilatsy noho ty anakilahy fito, ro niteraky azy." ¹⁶Nirambesy Naomy aja iny, le nampirorony tan-tsatsany teo, sady nikarakarany. ¹⁷Namea ampela miarakany mivelonany rey anara ie hozo: "azy aja lahilahy nateraky ho ahy Naomy iny." Nikaihy hozo: Obeda. Ie ro niteraky i Jese, ze niteraky i Davida. ¹⁸Sady ndreto tariha Fareza: I Fareza ro niteraky Hezrona, ¹⁹i Hezrona niteraky i Rama, i Rama niteraky i Aminadaba, ²⁰i Aminadaba niteraky i Nasona, i Nasona niteraky i Salmona, ²¹i Salmona niteraky i Boaza, i Boaza niteraky i Obeda, ²²i Obeda niteraky i Jese, sady Jese niteraky i Davida.

1 Samuel

Chapter 1

¹Nisy lahilahy baka Ramataima Zefotita, tamboho tany Efraïma; Elkana ty anarany, anakilahy Jeroama anakilahy Eliho anakilahy Toho anakilahy Zofa Efraïmita. ²Nanambaly roa ie, Hana ty voalohany, Penina ty faharoa. Nana anaky Penina fa Hana tsy niterake. ³Isantao lehilahy io niala bakamy tany niaviany any hanao soro amy Yaveh Ndranahare olo aby toy noho nanompo aze ta Silo tao. Tao koa moa Ofnia noho Finehasa anakilahy Elia mpisoro Yaveh. ⁴Tsy tapaky nanome anjara hena Penina valiny miroanaky aby amy andro nanovany soro santao Elkana. ⁵roe nefa ty anjara hena nameany Hana safe teany Hana, ndre natao Yaveh tsy niteraky. ⁶nandrangitsy azy avao moa rafivaviny io, safe ie tsy namea Yaveh anake. ⁷nirangity rafivaviny io avao ie lafa nandeha antrano Yaveh tany santao rozy trano raike. Farany tsy nihina ndre inoino ie fa nitany avao. ⁸fe vinolany Elkana aminy avao hozo: "Manino Hana iha tomany io? Manino iha tsy mihina io? Manino ty fonao meloky io? Tsy mihoatsy ty anaky folo isaky va zaho aminao?" ⁹Ndraiky andro, lafa baka nihina noho ninonino ta Silo rozy nandeha Hana niala. Nipetraky amy seza tanila vavahady tempoly Yaveh teo Elia mpisoro. ¹⁰nalahelo mare ie; nivavaky tamy Yaveh ie sady nitomany mare. ¹¹nanao voady ie hoe: "Iha Yaveh Ndranahary olo aby toy, laha hitanao ty fijaliako mba tiarovo aho, ka halinonao zaho mpanompo anao, fa mba omeo anakilahy, soa hameako anao Yaveh ie amy

ty andro hiainany iaby, fa tsy hisy hety hikasiky ty lohany."¹²Laha mbo nivavaky tamy Yaveh teo moa ie, nanenty ty tarehiny Elia. ¹³Nivola anainy ao avao Hana. Tsy re ty resany fa ty vavany avao ro nihetsiketsike. Nieritseritsy amizay Elia fa vasa mamô ie. ¹⁴zao natao Elia taminy: " Ombia iha vo tsy ho mamô? Engao finoma divay io."¹⁵Nivola azy Hana: " Tsy zay, fa ampela mijaly fanahy aho. Tsy nino divay aho na raha mahamamo hafa, fa mamôaky ty alaheloko aby amy Yaveh. ¹⁶ka eritreretinao ho ampela tsy mana henatsy lahy zaho mpanomponao; niresaky ty habe ty fijaleako noho ty kizakizaky ahy aho."¹⁷Namaly Ely ka nivola hoe: "Mandenà am-piadiana; Andriananahar'Israely lahy hamaly ty hataky ze nangatahinao tamine." ¹⁸Hoy ampela iny: "Mba hahita sitraky amasonao ty mpanomponao." Le nandeha tamy ty lalany rampela ka nihina; tsy nalahelo sasy ty tarehiny. ¹⁹Nandeha vo maraindray be rozy ka nanompo anilan'i Yaveh teo, noho nimpoly tan-tranony Rama tany ndraiky roze bakeo. Niaraky niroro tamin'i Hana valiny i Elkana, ary Yaveh nahatiaro aze. ²⁰Lafa niavy ty fotoa, le nibevoka i Hana ary niteraky anakilahy. Nikaiky ty anarany hoe: Samoela ie, nivola hozao: "Safe baka tamin'i Yaveh ro nanagatahako aze."²¹Elkana voho ty hasaverenany iaby le niakatsy ndraiky mba hanolotsy soro isan-tao ho an'i Yaveh ka nandoa ty voadiny. ²²Fa i Hana koa tsy nandeha; fa nivola tamy valiny ie hozao: "Tsy handeha zaho zisiky mampisaraky nono aja kelikely io; ary handesiko ie, mba hahafahany miseho alohan'i Yaveh eo ka hipetraky any mandrakizay." ²³Hoy i Elkana valiny taminy hozao: " Anovo ze hitanao fa soa aminao. Mandinisa zisiky fampisarahanao nono aze; fe, Yaveh avao anie ro hanamafy ty safany." Le nieny ampela iny ka niteza anakilahiny iny zisiky hangalany nono aze. ²⁴Lafa nisarahany nono ie, le nandesiny niarakany taminy, niarakany tamy anak'aomby kelikely telo tao raiky, ka nandesiny ta an-tranon'i Yaveh tao Silo ie. Sady mbo kelikely aja iny. ²⁵Vinonon-droze anak'aomby iny, le nandesiny tamy i Ely tany aja iny. ²⁶Hoy ie hoe: "O, ry tompoko! Laha mbo velo kea iha, ry tompoko, zaho le ampela aze nitsanga tanilanao teo nivavaky tamin'Yaveh iny." ²⁷Fa aja toy ro nivavahako ka namean'Yaveh ahy ty fangatahako aze nagatahako taminy. Fa ²⁸nameako an'Yaveh ie, laha mbo velo koa ie le hamea an'i Yaveh." Le nanompo an'i Yaveh teo ie.

Chapter 2

¹Nivavaky Hana ka nanao anizao: "Ty foko mifaly amy Yaveh ao. Ty tsifako misandratsy amy Yaveh. Ty soniko mirehareha anila fahavaloko reo, safe mifaly amity famonjeanao zaho.²Tsy misy masy mitovy amin'Yaveh, le fa tsy misy ty hafa ankoatsy anao; tsy misy vatolampy mitovy amy Andriananaharintsika.³Ka mirehareha mare loatsy; safiry mba tsy haboaky ty vavanao ty fiavonavona. Fa Yaveh ro Andriananahary ty fahalalà; amy ty alalany ro hampisy lanja ty asa.⁴Ty lalà lahilahy mahere reo ro ho tapaky, fa roze tafitihina koa ro misiky hery mitovy amy fehikibo.⁵Aze vintsy reo nikarama mofo; aze mosare reo le nieny tamy ty hamosariny. Na ty kanda aza miteraky fito, le ty ampela teraky maro koa tserendraha.⁶Yaveh ro mahafaty noho manday ho amity fiaina. Ie ro mampijotso amy ty fiaina tsy hita any voho mananga.⁷Yaveh ro mampahantsa ty olo sasany voho mahapanarivo ty sasany. Manambany ie, nefa manondrotsy avao koa.⁸Mampitsaka ty mahantra hiala amy vovoky ie. Manondrotsy ty mahaferinay hiala amy ty lavenoky mba hametsaky androzy miarakany amity andrian-dahy la handova ty sezam-boninahitsy. Ty andry ty tany iaby le ahy i Yaveh noho tamindrozy ro nametrahany an'izao tontolo izao.⁹Hambenany ty tomboke ty olo mahatoky, ka ty raty fanahy kea le hampitsininy an'aizim- pito any. safe tsy misy handresy amy ty hery.¹⁰Roze aze manohitsy an'i Yaveh le ho torotoro; hampikotrok'ora baka andanitsa any hanohitsy androzy ie. Yaveh ro hitsara ty fara ty tany iaby; hanome hery ty mpanjakany ie noho hanondrotsy ty tsifan'aze voahosony."¹¹Bakeo i Elkana le nandeha Rama, tan-tranony any. Nanompo an'Andriananahary tamy fivavahan'i Ely mpisoro teo aja iny.¹²Fa lehilahy raty fanahy anakilahn'i Ely reo. Tsy nahay an'i Yaveh roze.¹³Ty fataon'ny mpisoro miarakany amy vahoaky reo lafa nisy lahilahy nanome soro, le mamonjy ty mpanompony le mpisoro ka manday fitrebiky telo rantsany amy tanany eny, laha mbo mangotsaky ty hena.¹⁴Hatsibony anaty lasitry ao zay, na fiketseha hena, na valane, na valanibe. Ze azon'ny fitsebiky ao iaby le alà ty mpisoro ho aze. Nanovin-drozy tanay Silo niarakany tamin-droze Israelita iaby ze niavy tao zay.¹⁵Raty lavitsy aza, alohany nanoroan-drozy ty sabora, le niavy ty mpanompo ty mpisoro, ka nivola tamy lahilahy azy nanao soro iny hozao: "Ameo hena hatsatsiky ty mpisoro, fa tsy hanenky hena ketrehy bakaminao ie, fa ty manta avao."¹⁶Laha mivola amy lahilahy iny hozao, "Tsy maintsy oroa-drozy aloha ty sabora, de bakeo afaky mangalaky maro ze teanao iha." Le nivaleany hozao: "Aha, fa ameanao henanizao avao zay; fa laha tsy izay, le halako bodongero izay."¹⁷Bevata tena bevata vatany ty heloky pamaraky reo anila an'i Yaveh, safe tsinasia-drozy dikany ty fanatitr'i Yaveh.¹⁸Ka i samoela le nanompo an'i Yaveh laha mbo ny aja nisiky efoda ravine foty.¹⁹Nanamboaran-dreniny Siky lava kelikely ie ka nandesiny ho aze isan-tao isan-tao zay, lafa niakatsy niarakany tamy valiny mba hanome ty fanatitsy fatao isan-tao ie.²⁰Ka Ely nitsipirano an'i Elkana voho ty valiny ka nivola hozao: "Hanomea aja maro anao amy ty ampela ty lahy Andriananahary noho ty hataky zay nataony tamin'i Yaveh." Bakeo le nimpoly tan-tranony any roze.²¹Nanome an'i Hana ndraiky i Yaveh, le nibevoaka ndraiky ie. Niteraky telo lahy noho roa vavy ie. Tanaty fotoa zay, le nitombo tanilan'i Yaveh teo i samoela anakaja.²²Ka lafa niantitsy vatany Ely; nireny iaby ty raha nataon'ny anakilahn'ireo tamy Israely iaby reo, sy ny nadrian'izy ireo niaraka tamin'ny vehivavy izay nanompo eo amin'ny fidirana ao amin'ilay fihaonana.²³Hoy izy ireo: "Fa maninona ianareo no manao zavatra tahaka izany? Efa reko tamin'ny olon-drehetra avokoa ny zava-dratsy nataonareo."²⁴Tsia, ry zanako; tsy tatitra tsara no reko. Mahatonga ny vahoakan'i Yaveh tsy hankatoa ianareo.²⁵"Laha misy olo raiky manonta amy raiky hafa, le hotsarain' Andriananahary ie; fa laha misy lahilahy raiky manonta tamin'i Yaveh, ia ro hisolo vava aze?" Fa tsy hijanjy ty feo ty babany roze, safe Yaveh fa nivetsevetse ty hahafaty androzy.²⁶Niha- bevata Samoela, ka nitombo ty fiteany an'i Yaveh noho ty olo koa.²⁷Ka nisy lahilahin'Andriananahary raiky namonjy an'i Ely ka nivola taminy hozao: "Zao ty nivolanin'i Yaveh, Tsy fa nampiseho ty vatako taminao tamy ty hasaverena razambenao reo va zaho, laha mbo ta Egipta tamy ty fanandevoza tu fasaverenan'i Farao ie reo?"²⁸Nifiliko tanay ty fokon'Israely iaby ie mba ho mpisoroko, mba hiakatsy amy alitarako eny, sady mba hanoro ty ditin-kazo manitry, mba hisiky efoda anilako eo. Nameako hoahy ty taranaky ty razambenao fanatitsy iaby reo nanovy ty vahoakin'Israely tamy ty afo.²⁹Nanao akory lahy, iha ro manativa soro voho fanatitsiko reo aze nitakeko ho amy ty tanako iny? Nanino ro nameanao voninahitsy mihoatsy ahy amy ty fanavondraha tu vatanareo amy ty soa mare baka amy ty fanatitsy iaby ny Israely vahoakiko ty anakinao?³⁰Fa Yaveh, Andriananahar'Israely, mivola hozao: Nampanatena zaho fa ty taranakinao, noho ty hasaverena ty razambenao, le handeha anilako eo mandrakizay. Nefa amizao koa hoy Yaveh: Sanatria Amiko ty hanao izay, ze manome voninahitsy ahy ro hameako voninahitsy, fa ze tsy manisany dikany ahy koa ro tsy hasiako dikane.³¹Ingo, ho avy ty andro azy hanpahako ty herinao noho ty hery ty hasaverena ty razambenao, ka tsy hisy lahilahy ho tratsy antitsy sasy amy ty taranakinao.³²Hahita fahoria amy ze pilasy hipetrahako iha. Na amea ty soa aza Israely, le tsy hisy lahilahy ho tratsy antitsy sasy amy ty taranakinao.³³Ty sasany aminareo aze tsy halako amy alitarako rey, le hatako jiky ty masonareo, noho hiavia ty alahelo amy ty fiainanareo zaho.

Lahilahy iaby reo ze teraky amy fianakavianareo ao le ho mate.³⁴Zao ty famantara hoahinao ze hanjo anakilahinao roa reo, amy Hofinia noho Finehasa: Samby ho maty andro raiky rozy mirahalahy reo.³⁵Hanagna mpisoro mahatoky hoahy ty vatako aze hanatanteraky tu am-poko ao noho ty amy fanahiko ao zaho. Hananga tsano azo antoky hoaze zaho; ary handeha aloha ty mpanjaka ze voahosotre mandrakizay eo ie.³⁶Ze sisa tavela iaby amy ty taranakinao le ho avy noho hiankohoke aminy eo, hangataky tapa-bolafoty noho mofo, noho hivola hozao: "Mba tondro hoanisanin-drozy mpisoro lahy zaho mba hahazahoako mihina tapa-mofo raiky."

Chapter 3

¹Nanombo Yaveh tamy fivavaha Ely teo i Samoela anakaja. Tsy maro ty safan'i Yaveh tamy andro reo; tsy de nisy fahita amy faminania matetiky. ²Tamizay fotoa zay, Ely, fa nanomboky jiky masonry iny ka tsy mahita soa, le niroro am-pandreany teo. ³Mbo tsy maty ty jiron'Andriananahary, ka nandry mba hiroro aminy tempolin'i Yaveh tao i Samoela, tao amizay nisy tomabilin'Andriananahary. ⁴Yaveh nikaiky an'i Samoela, le nanao hozo: "Intoy zaho." ⁵Nilay amy Ely any Samoela nivola hozo: "Intoy zaho, fa nikaiky ahy iha." Hozo Ely: "Tsy nikaiky anao zaho, mimpolia miroro." Ka nandeha Samoela le niroro. ⁶Nikaiky ndraiky Yaveh hozo: "Samoela." Le nitsanga ndraiky Samoela le nandeha amy Ely any, nanao hozo: "Intoy zaho, fa nikaiky ahy iha." Le namaly Ely hozo: "Tsy nikaiky anao zaho, anako, mimpolia miroro." ⁷Ka Samoela mbo tsy mahay loatsy an'i Yaveh, na nisy ty hafatsy bakamin'i Yaveh mbo nambara tamine avao. ⁸Nikaiky an'i Samoela fanintelony ndraiky Yaveh. Nitsanga ndraiky Samoela ka nandeha amy Ely any le nivola hozo: "Intoy zaho, fa nikaiky ahy iha." Le nihain'i Ely fa i Yaveh ro nikaiky ajalehilahy io. ⁹Le hozo i Ely tamy Samoela: "Mandehena ka mimpolia miroro; lafa mbo mikaiky anao ndraiky ie, le tsy maintsy mivola hozo iha: "Mivolana, Yaveh, fa mijanjy anao mpanomponao toy." Ka nandeha Samoela le niroro tamy pilasiny teny ndraiky. ¹⁰Niavy Yaveh ka nitsanga; nikaiky mitovy tamy fotoa hafa teo rey hozo: "Samoela, Samoela." Le nivola hozo Samoela: "Mivolana, Yaveh, fa mijanjy ty mpanomponao." ¹¹Nivola Yaveh tamy Samoela: "Ingo, hanao raha amy Israely zaho ka ty sofy iaby ze mijanjy aze le hangoritsy. ¹²Amy andro zay le hanatanteraky ty raha iaby fa nivolaniko tamy Ely momba ty hasaverenany, hatramy ty voalohany ka hatraminy farany Zaho. ¹³Nivola taminy Zaho fa hitsara ty hasaverenany ndraiky mandeha mba tsy himpoly amy fahota ndrozy, safe anany reo nanday hakeo tamy ty vatan-drozy ary tsy nanaka androzy ie. ¹⁴Ka noho zay le nifanta tamy ty hasaverenany Ely Zaho fa fahotan-drozy reo tsy ho voahonitsy amy soro na fanatitsy mihintsy." ¹⁵Niroro zisiky maraindray Samoela; ka nanokatsy ty varavara tsanon'i Yaveh ie. Fa natahotsy hivola tamy Ely mikasiky ty fahita Samoela. ¹⁶Bakeo le nikaiky Samoela Ely ka nivola hozo: "Samoela, anako." Le namaly Samoela hozo: "Intoy zaho." ¹⁷Hozo ie: "Ino ty safa nivolaniny taminao? Ka avony ahy lahy zao. Hanao zay aminao lahy Andriananahary, sady mihoatsy noho zay aza, laha avoninao ahy resany iaby nivolaniny anao rey." ¹⁸Le nivolanin'i Samoela azy ty raha iaby; tsy navoniny azy na ino na ino. Hozo i Ely: "Ie ro Yaveh, Engao ie hanao ze mete ho soa amine." ¹⁹Niha bevata i Samoela, le niaraky taminy avao Yaveh, noho tsy nisy tamy safà faminanyany rey tsy ho tanteraky. ²⁰Ty Israely iaby zisiky ta Dana voho zisiky Beri-sheba le nahay fa Samoela ro voafily ho mpaminanin'i Yaveh. ²¹Niseho ta Silo ndraiky Yaveh, safe nanambara ty vatany tamity safàny tamy Samoela ta Silo tao ie.

Chapter 4

¹Niavy tamy Israely iaby ty resan'i Samoela. voho niboaky hialy tamindrozy Filistina ny Israely. Nametsaky toby ta Ebenezer rozy, sady nametsaky toby ta Afeka kea Filistina rey. ²Nilahatsy hialy tamy Israely Filistina reo. Lafa nivano ty aly, le resy Filistina reo ka nahafaty teo aminy efatsy arivo lahy teo amy ty baibon'aly ny Israely. ³Lafa nilitsy an-toby ao vahoaky rey, le hozao hoasa loholon'Israely reo: "Nanino Yaveh ro naharesy antsika tamindrozy Filistina reo nandroany? Ndao handesintsika baka Siloha any hanatoy ty fiaran'ny faneken'i Yaveh, mba hiaraky amintsika atoy, ka hiaro antsika amy ty tanà fahavalontsika reo." ⁴Ka naniraky lahilahy nandeha Siloha ty vahoaky; baka any ro nandesandrozy ty fiaran'ny fanenkean' i Yaveh Tompo ty maro, aze mipetsaky anabo ty Kerobima. Teo niaraky tamy ty fiaran'ny ty fanenkean'Andriananahary anakilahy Ely roa rey, le i Hofinia voho Finehasa. ⁵Lafa nilitsy an-toby tao ty tomabily fanenkean'i Yaveh, le niaraky nikoraky mare ty vahoakiny Yaveh iaby, ka le nantsitsiny ty tany. ⁶Lafa nire Filistina reo ty fantsitsiny ty korakoraky, le hozao roze: "Fa ino ty dika tabataba mare an-toby Hebreo ao zao?" Bakeo voho azondrozy an-tsany fa niavy an-toby tao ty fiaran'i Yaveh. ⁷Natahotsy Filistina reo; ka nanao hozao rozy: "Misy Andriananahary niavy tan-toby ao." Hozao hoasandroze: ⁸"Loza hoahintsika! Tsy mbo nisy raha nitsanga hozao ty taloha! Loza hoahintsika! Ia ty hiaro antsika amy ty herin'Andriananahary mahere reo? Reo ty Andriananahary aze namango ty Egyptiana tamy Loza maro San-karazane tan'efitra any iny. ⁹Alao hery, noho mba misehoa fa lahilahy, nareo Filistina, tsinoho ho lasa andevon'ny Hebreo reo nareo, mitovy amity naha andevonareo an-droze. Mbà lahilahy, ka mialia." ¹⁰Le nialy Filistina reo, ka resy ty Israely. Nilay ty tranony iaby ty lahilahy iaby, sady mare vatany ty famonoa; ka miaramila mitsanga teloaly baka amy Israely ty maty. ¹¹Lasa ty tomabilin'i Yaveh, ka maty i Hofinia noho Finehasa, anakilahy Ely roa rey. ¹²Nisy lahilahy Benjamina raiky nilay bakami-tanà nisy aly io tany ka nandeha Siloha tamy andro io avao, lasa niaraky tamy siky jiatsy noho bon- tany tan-dohany teny. ¹³Lafa niavy ie, le nipetsaky tamy sezine tantsisin-dala teo nanenty any Ely safe nangitikitiky ty amy fiaran'Andriananahary tu fone. Lafa nilitsy tanà lahilahy iny ka nivola ty vaovao, le nikoraky mare tanà iaby iny. ¹⁴Lafa niren'i Ely ty fantsintsiny ty korakoraky, le hozao ie: "Ino ty dika koronta zao?" Niavy malaky lahilahy iny le nitantara tamy i Ely. ¹⁵Ka valo amby sivampolo tao i Ely; nanjavo ty masone, ka tsy nahita ie, ¹⁶Hozao lahilahy iny tamy Ely; "Zaho ty raiky baka amy aly iny any. Nilay aly zaho nandroany." ¹⁷Hozao Ely hoehe: "Nanao akory ty fandehany, anake?" Namaly lahilahy nanday vaovao iny ka nanao hozao: "Nilay Filistina reo ty Israely. Noho kea, nisy faharesea bevata tamy ty vahoaky. Noho kea, mate Hofinia noho Finehasa, anakilahinao roe, noho lasa ty fiaran'Andriananahary." ¹⁸Lafa nanono ty fiaran'Andriananahary ie, le nideboky nivalinga baka an-tsezany tanila vavahady teo i Ely. Tapaky ty vozzone, le nimaty ie, safe fa antitsy noho reraky. Nitsara ty Israely tanaty ty efa-polo tao ie. ¹⁹Ka ty vinantony ampela, valy i Finehasa, ro bevoka sady fa hiteraky. Lafa nahare ty vaovao ie fa nandeha ty fiaran'Andriananahary ka mate ty rafozane lahilahy noho valiny, le nandohaliky ie le niteraky, nefa nandavo aze ty faharare ty fiterahany. ²⁰Tokone ho tamy fotoa nahafate aze le nivola tamy ampela nanatsiky reo ie hozao: "Ka matahotsy, fa niteraky anakilahy iha." Fe tsy namaly ie na nandramby am-po ze nivolanin-drozy. ²¹Nikaihiny Ikaboda ty anaran'aja iny, fa hozao ie: "Afaky voninahitsy Israely!" fa nandesin'ny fiaran'Andriananahary, sady nohon'ny rafozan-dahine noho valiny kea. ²²Hozao ie: "Afabaraka Israely, safe lasa ty fiaran'Andriananahary."

Chapter 5

¹Ka niazio Filistina reo ty fiaran'Andriananahary, le nandesindrozy baka Ebenezerà tany ho an- Asdoda zao. ²Nalà Filistina reo ty fiaran'Andriananahary, nandesiny tan-tranon'i Dagona zao, le napetsany tanila Dagona. ³Lafa nifoha maray vahoaky Asdoda reo hamaray iny, le ingo, nilavo nihohoky tan-tany teo tanila ty fiaran'Yaveh ty vata i Dagona. Ka nalandrozy i Dagona le nampiakarine tany pilasiny teo ndraiky. ⁴Ka lafa nifoha maraindray rozy hamarain'iny, le ingo, nilavo nihohoke amy tany tanilan'ny fiaran'i Yaveh ty vatan'i Dagona. Ty Lohan'i Dagona noho ty tanany roe le nitampake tany varavara. Ty vatany avao sisa tavela nipetraky teo. ⁵Ka noho zay, ty antony tsy handingàna Mpisoro Dagona reo noho ze olo militsy amy trano Dagona ao ty varavarany Dagona a Asdoda ao, na zisky henanizao. ⁶Ty tana Yaveh le navesatse tany vahoaky Asdoda reo. Noringaniny noho nampijaleany tany fivontosana rozy, i Asdoda voho faritaniny reo. ⁷Lafa nihay ty olon'i Asdoda ty raha niseho, le hozao rozy: "Ao mba tsy hijano aminay eto ty fiaran'Andriananaharin'Israely, safe ty tanany ro manohitsy mare anay voho i Dagona Andriananaharinay." ⁸Ka nampikaiky rozy noho namory mpanapaky Filistina iaby reo; hozao rozy taminy: "Ino ty tokony hataonay amy fiaran'Andriananaharin'Israely?" Namaly hozao rozy: "Ao handesy hanodidy an'i Gata ty fiaran'Andriananaharin'Israely." Le nandesindrozy tany ty fiaran'Andriananaharin'Israely. ⁹Fa lafa baka nandesindrozy niodidina zany, le nanohitsy ty tanà ty tanan'i Yaveh, ka nahavy rehoreho bevata. Nampijaly olo tan-tanà teo Ie, na ty be na ty aja; ka niboaky tamindrozy ty alahelo. ¹⁰Ka noho zay le nalefandrozy Ekrona tany ty fiaran'Andriananahary. Laha voho niavy Ekrona tany ty fiaran'Andriananahary, le nikoraky mare Ekronita reo, nivola hozao: "Nanday ty fiaran'Andriananaharin'Israely ho ahintsika mba hamonoa antsika noho olon-tsika reo rozy." ¹¹Ka nampikaiky rozy noho namory mpanapaky Filistina iaby reo; hozao ie tamindrozy: "Ampolio fiaran'Andriananaharin'Israely iny, le ampolio amy pilasiny koa, mba tsy hamonoany antsika noho olontsika reo." Fa nisy fikontana bevata nanenike ty tanà; tena navesatsy teo ty tanan'Andriananahary. ¹²Ze olo tsy maty le mampijalia tany alahelo, noho ty fitaraina ty tanà le niakatsy nahafeno lanitsy.

Chapter 6

¹Le fiafara Yaveh le tamy tana Filistina rey naharitsy fito vola. ²Bakeo ty olo Felistina rey nikaiky azy mpiso noho ombiasa rey ; hozao tiasany tamindrozy: " Ino va ro tokomy hanovinay amy fiaraha yaveh?" Volano aminay ty fomba hanampoliana anizay amy firenena zay manoka. ³Hoasa ty mpisoro noho ty ombiasy hoe: " Laha ampolinareo ty fiara azy Ndranahare Israely, le ka ampoly tsy miharo amy fanomeza zay; andefaso fanday noho ty fahota amy fomba iaby ie. Le ho janga nareo, sady ho hainareo ty antony tsy nangalany ty tanany taminareo zisiky henanizao." ⁴Le hozao tiasandrozy: "Tokony manao akory azy fanday noho ty fahadisoa ze ampinay aminy?" Namaly hozao ndrozy: " Fivontosa volamena limy noho totozy volamena limy, limy ty isa mifanahaky amy isa ty mpanampaky ty Filistina. Fa loza mifanahaky no mampijaly noho mpanarivonareo. ⁵Lafa zay le tsy maintsy manao ty sary ty fivontosanareo nareo, sady sary ty valavonareo ze mandrava ty tany, sady manome voninahitsy tiahy Ndranahare Israely. Vasa mety hangalaky ty tanany aminareo Ie, amy ndranaharinareo rey, sady amy ty taninareo. ⁶Manino nareo ro manafafy ty fonareo nareo, manahaky ty nanamafisa Egyptiana noho Farao ty fondrozy rey? Zay le tamy nandrava ty azy Ndranahare Israely iny mare ndrozy; vasa tsy nalefa Egyptiana va ty olo, le nandeha ndrozy?" Henanizao le, nanoma sarety vaovao miaraky miaraky amy aomby vavy mampinono roe ze mbo tsy nanday droka mihintsy. feheo amy sarety azy aomby rey, fe andeso moly azy anakaomby, hiala amindrozy. ⁸Bakeo sambeso ty fiara ahy Yaveh sady anovo anay ty sarety ao zay. Engaho nay vata anila ty sarindraha volamena eo ze hampolinareo aminy mba ho fanday noho ty fahota. Le alefaso zay le engaho handeha amy ty lalany. ⁹Bakeo henteo; laha miakatsy amy lala mbamy taniny manoka any Beti-semesy zay, le Yaveh ro nanao azy loza bevata zay. Fa laha tsy zay, le ho haintsika fa tsy ty tanany ro nampijaly antsika; fe, ho haintsika fa niseho tsy nampoizy tamitsika zay." ¹⁰Azy lahilahy rey le nanao araky ze nivolany tamindrozy; nangalaky aomby vavy mampinono roe ie, namehy anirey tamy sarety, sady nanday anakaomby ndrozy tantrano tany. ¹¹Nengandrozy tamy sarety rey teo azy fiara Yaveh iny, niaraky tamy vata misy valavo volamena noho ty sary ty fivontosandrozy. nandeha nahity tamy lala mbamy Beti-semesy azy aomby vavy rey. ¹²Nandeha tamy lala bevata raiky ndrozy, nimama tam-pandehana tany, sady tsy nibio ndra tan-kavana ndra tan-kavia. Nanoriky androzy tamy sisiny ty Beti-semesy azy mpanapa Filistina rey. ¹³Le nanapaky ty varindrozy tam-baibo ty olo i Beti-semesy. Lafa nampihiratsy ty masony ndrozy le nahitaazy fiara iny, le nifalifaly. ¹⁴Niavy tam-baibo i Josoa baka amy tana ty Beti-semesy azy sarety le niegny tao. Nisy vato bevata tao, le namaky ty hazo tamy sarety ndrozy, sady nanesy ty aomby vavy mba ho fanday horoa hoahin'Yaveh. ¹⁵Nampiliry Levita rey ty fiara Yaveh noho azy vata ze niaraky tamizay, ze nisy sary volamena , le nengany tamy vato bevata iny teo. Nanesy fanday horoa noho nanao soro hoahy Yaveh tamy andro io avao azy mpipetraky a Beti-semesy rey. ¹⁶Lafa nihita ty mpanapaky ty Filistina limy rey zay, le nimpoly ta Ekrona tamy andro io avao ndrozy. ¹⁷Retia iaby ty fivontoa volamena ze nampoly Filistina ho fanday noho ty fahota hoahy Yaveh: ty raiky hoahin'i Asdoda, ty raiky hoahy Gaza, ty raiky hoahy Askelona, ty raiky hoahy Gata, le ty raiky hoahy Ekrona. ¹⁸Azy valavo volamena retia le mifanahaky ty isa tamy isa ty tana Filistina iaby ze amy mpanapaky limy rey, le azy tana misy lakoro noho ty ana-bohitsy ty tana. Azy vato bevata, tanila azy nanengandrozy ty fiara Yaveh, le mijano ho vavolombelo raiky ambaibo i Josoa azy Beti-semesy iny zisiky henanizao. ¹⁹Nandrava ty ilany tamy mpipetraky a Beti-semesy rey tao i Yaveh safe nanenty tanay fiara Yaveh ndrozy. Namono lahilahy 50.070 Ie. Nisaona ty olo, safe nadrava mare Yaveh. ²⁰Hozao tiasa azy mpipetraky ta Beti-semesy: " Ia ty afaky hitasanga aloha Yaveh , azy Ndranahare masy toy? HO aminia ty hiakara ty fiara baka amitsika toy?" ²¹Naniraky mpanday hafatsy tamy mpipetraky amy azy mpipetraky a Kiriata- Jearima ndrozy, nanao hozao: " Nandesy Filistina rey nimpoly azy fiara Yaveh iny; mimpolia le andeso mimpoly miaraky aminareo zay."

Chapter 7

¹Niavy ty olo i Kiriata Jearima, nangalaky fiara Yaveh, le nanday anizay tan-trano i Abinadaba tambohitsy tany. Nampitoka an'i Eleazara anakilahiny ndrozy mba hiamby ty fiara yaveh. ²Nanomboky tany ty andro zr=e nipetraka ty fiara Yaveh ta Kiriata Jearima tao, le fa tao maromaro ty nandeha, roapolo tao. TY longo Israely iaby le niferinay an'Yaveh le nagniry himpoly amy Yaveh. ³Hozao tiasa i samoela tany ty longo Israely iaby: " Laha himpoly amy Yaveh amy fonareo iaby nareo, le afaho aminareo eo ty ndranahare hafa noho Astarta rey, atoliho amy Yaveh ty fonareo, sady ie raiky avao ro tompo, le hamonjy anareo an-tana i Filistina ie." ⁴Le nangnafaky Bala noho Astarta rey ty olo Israely, le nanompo an'Yaveh raiky avao. ⁵Le hozao tiasa i Samoela: " Andeso a Mizpa iaby ty Israely, le hivavaky amy Yaveh ho ahinareo zaho." ⁶Nivavaky ta Mizpa ndrozy, sady natsaka rano le nandraraky anizay tanatreaha Yaveh teo. Nifaly hany ndrozy tany andro zay le nanao hozao: " Fa nanota tany Yaveh tsika." Tany ro nanapaha i Samoela hevitsy hitsara ty tsy fifanaraha ty olon'Israely noho nanday azy. ⁷Lafa nire i Filistina rey fa nivavaky ta Mizpa tao ty olo Israely, le nanafiky Israely rey ty mpanapaka Filistina. Lafa nahare anizay ty olon'Israely, le navaka Filistina rey ndrozy. ⁸Le hoasa ty olon'Israely rey tany Samoela: " Ka miegny mikaiky an'yaveh Ndranaharetsika ho ahintsika, fa hanavotsy antsika an-tana ty Filistina rey Ie." ⁹Le nangnalaky anaka aondry mbo minono i Samoela sady nanome anizay iaby mba ho fanday horoa hoahy Yaveh. Sady nikaiky mare an'Yaveh hoahy Israely i Samoela, le namaly azy Yaveh. ¹⁰Laha mbo nanesy ty fanday horoa Samoela, le nanariniky hanafiky an'Israely azy Filistina rey. Fa Yaveh nampisivaratsy ora tany feo mare tany fotoa zay hanohitsy Filistina rey le nampialy androzy, le resy taloha Isarely teo ndrozy. ¹¹Le niala baka Mizpa ty lahilahy Isrealy, ka le nania Filistina rey rozy ka namono androzy zisiky hiaviany tambany betikara teo. ¹²Bakeo Samoela nagnalaky vato le neenga anizay tanelanela Mizapa noho Sena. Nanoviny hoe: "Ebenezara ty anaran'izay, manao hozao: " Henanizao ty namonjea Yaveh antsika." ¹³Le resy azy Filistina rey le tsy nilitsy tany faritsy tany Israely. TY tana Yaveh nanohitsy Filistina rey tany fotoa i Samoela iaby. ¹⁴Azy tana ze nalà Filistina reo tany Israely le nimpoly tany Israely, baka Ekrona le zisiky a Gata; nimpoly tany Israely koa ty faritsy ty taniny tany Filistina rey. Le nisy fivavaha tany Israely noho ty Amorita. ¹⁵Nitsara an'Israely zisiky tany andro nivelomany iaby i samoela. ¹⁶Isan-tao le nandeha nipolipoly ta Betela, Gilgala, le Mizapa tany ie. Nanapa-kevitsy tany aly hoahin'Israely tany pilasy iaby rey ie. ¹⁷Le nimpoly ta Rama ndraiky ie. safe any ty tranony; sady tany avao koa ro nanapahany hevitsy tany aly hoahin'Israely. Namboatsy alitara hoahy Yaveh tany avao koa ie.

Chapter 8

¹Lafa antitsy Samoela le nanoviny mpitsara amy Israely eo ty anakilahiny. ²Joela ty anara ty talanolony, le Abia ty anara ty anakilahiny faharo. Mpitsara ta Berri-sheba ndrozy. ³Tsy nanoriky ty lalany anakilahiny rey, fa nila fiharia tsy to. Nadramby kolikoly ndrozy sady namaliky ty rariny. ⁴Le niaraky nivory lohola Israely iaby rey sady niavy tany Samoela ta Rama tao. ⁵Hozao tiasandrozy taminy: " Ingo antitsy iha, sady tsy manoriky ty lalanao azy anakinao rey. Mitingina mpanjaka ho ahinay mba hitsara anay manahaky ty firenena iaby." ⁶Fe tsy nenkeny Samoela zay lafa ndrozy nivola hozao: "Omeo mpanjaka zahay mba hitsara anay." Le nivavaky tany Yaveh Samoela. ⁷Hozao Yaveh tany Samoela: " Oriho ty safa ty olo amy ty kila raha nivolanindrozy aminao; fa tsy iha ro andanandrozy, fa Zaho ro tsy nekeny tsy ho mpanjakandrozy. ⁸Henanizao ndrozy le manao manahaky ze nanoviny baka amy ty andro nanandesako androzy niboaky baka Egypta, nahafoy Ahy, sady nanompo Ndranahare hafa, le manahaky zay koa ty anovindrozy aminao. ⁹Henanizao janjino ndrozy; fe ampitandremo mare le ampahaizo ty fomba hanapaha ty mpanjaka amindrozy eo." ¹⁰Le nivolanin'Samoela tany olo ze nangataky mpanjaka azy safa Yaveh iaby ry. ¹¹Hozao ie: " zao ty hatao ty mpanjaka ze hanjaka aminareo eo. Hangalaky ty anakilahinareo le hitondro androzy hoahy ty kalesiny noho hanjary mpitikitsy soavaliny, sady hilay aloaha ty kalesy rey eo. ¹²Hitingy kapiteny miaramila anarivo, sady kapiteny miaramila dimampolo ho tiazy ie. Hanoviny mpiasa tany ty ilany, hihaza ty vokatsy ty sasany, sady hanao ty fitaovam-pialia noho fitaova hoahy kalesy ty ilany rey. ¹³Azy anakampelanareo rey avao koa le hanoviny manaroharo ty raha manitsy, mpiketrikry, sady mpanao mofo. ¹⁴Halany ty soa mare baka ambaibo nareo, azy baibo ty voalobokinareo, sady ty tany olivanareo, le homeany ty mpanompony. ¹⁵Halany ty ampahafolo ty varinareo noho baka amy ty tany ty voalobokinareo le hameany ty manam-pahefa noho mpanompony rey. ¹⁶Halany azy mapnomponareo lahilahy rey noho azy mpanomponareo ampela rey sady ty tovolahy mare amy ty mpamarakinareo noho ty borikinareo; hanoviny hiasa ho tiazy ndrozy iaby. ¹⁷Hanany ty ampahafolo ty aondry noho ty aosy nareo, le hanjary andevony nareo. ¹⁸Le amy andro zay le hitoreo noho ty mpanjakanareo ze nifingininareo hoahy ty vatanareo nareo; fe tsy hamaly nareo Yaveh amy fotoa zay. ¹⁹Le nanda tsy hijanjy an'i Samoela ty olo; hozao tiasandrozy: " Aha! Tokony hisy mpanjaka aminay eto ²⁰mba hifanahafanay amy firenena hafa. sady mba hitsara ty mpanjakanay noho hiboahany alohanay eo le hialy ty alinay." ²¹Lafa nire Samoela azy safa ty olo iaby rey le nampoliny tan-tsofy Yaveh teo zay. ²²Hozao tiasa Yaveh tany Samoela: " Oriho ty feondrozy le anovo ho mpanjakandrozy ty olo raiky." Le hoasa Samoela tany olon'Israely rey: " Ty lahilahy kiraikiraiky le tsy maitsy mandeha amy tanany iaby."

Chapter 9

¹Nisy lahilahy avy baka Benjamina tany, lahilahy raiky anabo. Ty anarany le i Kisy anakilahy Abiela anakilahy Zerora anakilahy Bekorata anakilahy Afia, azy anakilahy Benjamita raiky. ²Nana anaky lahilahy nikaiha hoe Saoly ie, pamaraky tovolahy noho ie tany Israely teo. Manomboky aka amy sorony noho miakatsy le lava mandilatsy ty olo iaby ie. ³Le ty apondra i Kisy rey, baba i Saoly, le veru. Le nivola tany Saoly anakiny Kisy manao hozo: " Mandesa raiky amy mpiasa rey hiaraky aminao, mitsangana le mandina hila ampondra rey." ⁴Le nanapatapaky ty tany abo i Efraima i saoly le nandeha tany tana i Salisa, fe tsy hitandrozy rey zay. Le nanapatapaky ty tany tiahy Salima ndrozy, fe tsy tany rey. Bakeo nanapatapaky ty tana i Benjamita rey ndrozy, fe tsy nahita rey. ⁵Lafa niavy tany tany Zofa ndrozy, le nivola tany ty mpiasany ze niaraky tany saoly manao hozo: " Ndao tsika himpoly, fa mety tsy hanino amy apondra sasy ty Babako fa mety havaka ty mikasiky antsika." ⁶Fa hoasa ty mpiasany taminy: " Janjino, misy lahilahin-dranahary amy tana toy eto. Ie le lahilahy nomem-boninahitsy; ze kila raha volaniny le vatany to iaby. Ndao tsika ho mbeo; mety afaky hivola amitsika ze lala tokony handinantsika amy ty liantsika ie." ⁷Le hozo tiasa i saoly tany mpiasany: " Falaha mandeha tsika, ino ty raha handesitsika hoahy lahilahy iny? Ty mofo anay ty kitapotsika fa lany, sady tsy misy fanomeza mba handesintsika hoahy azy lahilahin-Dranahare iny. Ino ty anantsika? " ⁸Azy mpiasa iny namaly an'i Saoly le nanao hozo: " Ingo, zaho mana ampaha efatsy ty sakely folafoty ze hameako azy lahilahy Ndranahare iny, mba hivolanany antsika zay lala tokony handinantsika." ⁹(Taloha tany Isarely, lafa misy lahilahy mandeha mila ty fahalala ty sitrapon-Dranahare, le nivola hozo ie: " Ndao, tsika ho amy azy mpahita iny any." Fa taloha ty fikaihantsika azy mpaminany henany io le mpahita.) ¹⁰Bakeo le nivola tany mpiasany i saoly hoe: " Soa ty raha volaninao. Ndao, tsika handeha." Le nandeha ndrozy nandeha amy tana ze nisy azy lahilahin-Dranahare iny tany. ¹¹Sady lafa nandeha nanganiky ty vohitsy tan-tana tao ndrozy, le nahita azy ampela rey niboaky nitao rano; le hoasa i Saoly noho ty mpiasany tamindrozy hoe: " Eto fa azy mpahita iny?" ¹²Namaly ndrozy le nanao hozo: " Etoa ie; ingo, aloha kelinareo ao avao ie. malaky, fa ho avy an-tana ao ie androany, safe hanao soro amy toera anabo ty olo androany. ¹³Laha vo militsy ty tana nareo le hahitaky azy, aloha ty hanganinany amy toera anabo hihinanany. Tsy hina ty olo zisiky hiaviany, safe ie ro hanipy rano ty soro; afaran'izay le hihina azy nasa rey. Le hiaraky zao, fa avy le hitanareo ie." ¹⁴Le niakatsy ho amy tana eny ndrzy. Laha vo nilitsy ty tana ndrozy, le nahita an'i Samoela niboaky taminy, mba handeha hiakatsy amy toera anabo. ¹⁵Le ty andro velohany niavia i Saoly , le nivola tany Samoela i Yaveh hoe: " ¹⁶Lafa hamaray amy lera manao hozo le handefa lahilahy raiky baka amy tany Benjamina aminao eo Zaho, sady hanositsy azy ho mpanjaka amy Israel; y oloko eo iha. Hamonjy ty oloko amy tany Felistina rey ie. Fa efa nagnenty ty oloko amy ty fiferinesa Zaho safe ty toreo ty fila vonjin-drozy rey le niavy Tamiko tatoy." ¹⁷Lafa nihitan'i Samoela i saoly, le nivola taminy manao hozo Yaveh: " Toy azy lahilahy nivolaniko taminao! Ie ty olo ze nanapaky ty oloko." ¹⁸Bakeo i Saoly le nagnato an'i Samoela tany vavahady le nanao hozo: " mba volano ahy hoe aia ty misy ty trano azy mpahita iny? " ¹⁹Namaly an'i Saoly i Samoela le nanao hozo: " Zaho ro azy mpahita iny. Manganiha ho amy toera anabo alohako, fa androany le hiara- mihina amiko iha. ngako handeha iha lafa hamaray, sady ambarako anao ze kila raha andohanao ao." ²⁰Laha amy ty ampondranao ze nitrobo telo andro lasa zay, le ka matahotsy aminizay, fa efa nihita zay. Sady nenga taminia azy faniria Israely iaby rey? Tsy ho aminao noho amy ty longo ty babanao iaby va? " ²¹Namaly i Saoly le nanao hozo: " Fa tsy Benjamita va zaho, baka amy ty fokoa kely mare Israely? Tsy ty fotorako va rofarany ambany mare amy ty longoko iaby amy fokoa i benjamina? Le manino ze fomba zay ro volaninao amiko?" ²²Le norambesin'i Samoela i Saoly noho ty mpiasany, le nandesiny tanefitsy ty trano, le nengany tany fitoera velohany ho anizay nasa ndrozy, ze tokony ho olo telopolo eo vasa. ²³Hozo tiasa i Samoela tany mpiketriky: "Andeso azy anjara ze nameako anao iny, ze nivolaniko anao manao hozo, ' Anoviko toy.'" ²⁴Le nala ty mpiketriky ty fe noho ze taminy teo le nengany taloha i Saoly. Le hoazao tiasa Samoela: " Ingo ze voatoka le fa nenga talohanao teo. Hono io, safe natoka ho ahinao zisiky hiavia ty fotoa voatondro, tany fotoa nivolanako manao hozo, Fa nanasa ty olo zaho." Tany andro io le niaraky nihina tany Samoela i Saoly. ²⁵Lafa tafijotso baka amy toera anabo ty tana ndrozy, le niresaky tany saoly tan-tampo ty trano eo i Samoela. ²⁶Le vo maraindray, le nikaiky an'i Saoly tan-tampo trano teo i Samoela le nivola hozo: "Mierena, mba hahazako mandefa anao amy lalanao any." Le nifoha i Saoly , le samby nandeha niboaky ho an-dala ie noho i Samoela. ²⁷Lafa nandeha nihodidy ty tana ndrozy, le hozo tiasa i Samoela tany Saoly: " Volano ty mpiasanao mba handeha alohantsika"--- le nandeha taloha teo ie--- " fa tsy maintsy miegny eto tselatsela iha, mba hivolaniko ty hafatsy Ndranahare aminao."

Chapter 10

¹Le nangalaky fitaova misy ty soliky i Samoela, nandraraky anizay tan-dohany i Saoly tao, sady nanoroky azy. Hozao tiasany: "Vasa Yaveh tsy nanoratsy anao ho mpanapaky ty volony?"²Lafa nanenga ahy iha, le hahitaky lahilahy roe anila ty lolo ahy Ndrahely, amy faritsy tany benjamina a Zelza ao. Hivola aminao hozao ndrozy: "Azy boriky je nilanao rey le fa hita. Henanizao ty razanao le niegny tsy navaka ty amy boriky rey le mieritseritsy ty mikasika anao, mivola hozao: " Ino va ty tokony hanoviko mikasiky ty anakilahiko?"³Le nandeha lavidavitsy mare bakany iha, le ho avy amy hazo terebinta i Tabara. Hifankatojo amy lahilahy telo handeha ho amy Ndranahare a Betela any iha, ty raiky manday anaka aosy telo, ty ilany manday mofo telo, le ty ilany hafa manday sihoa fasia divay.⁴Hanontany anao ndrozy sady hanome mofo roe anao, ze alanao baka an-tanadrozy.⁵Afaran'izay, le himpoly ho am-bohitsy Ndranahare iha, ze misy ty miaramila i Filistina. Lafa avy amy tana iny ao iha, le ho tojiky amy ty mpaminany lako hijotso baka amy vohitsy anabo miaraky amy lokanga, aponga tampaky, sodina, le valiha alohandrozy eo; haminany ndrozy.⁶Ty fanahy Yaveh hilatsaky aminao eo, le sady haminany miaraky amindrozy reo iha, le hivaliky lahilahy hafa.⁷Sady lafa avy aminao azy famantara rey, le anovo ze kila raha iaby hita ty tananao fa tokony ho hanovy, safe Ndranahare miaro anao.⁸Mijotsoa eo alohako ho a Gilgala any. Le hijotso aminao any zaho hanome azy fanday horoa rey sady hanao soro fanday mpilongoa. Mandinisa fito andro zisiky handinako ho aminao eo sady hampitoroako anao ze tokony hanovinao.⁹Lafa niamboho nanenga an'i Samela i Saoly, le nomean-Dranahare azy ty fo vaovao. Le avy ty famantara iaby rey tamy zay andro zay.¹⁰Lafa niavy tam-bohitsy teny ndrozy, le nisy mpaminany lako tojiky azy, le ty fanahin-Dranahare nijotso taminy teo le naminany niaraky tamindrozy ie.¹¹Lafa nahita azy niaraky tamy mpaminany rey ty olo iaby ze nahay azy taloha, le nifampivola hozao ty olo: " Ino ty nahazo ty anakilahi'i Kisy? Anay ty raiky amy mpaminany koa va i Saoly?"¹²Nisy lahilahy nipetraky tamy toera io namaly hozao: " Le ia ty baandrozy rey?" Lafa zay, le nanjary fivolana hozao: " Anay ty mpaminany avao koa va i Saoly?"¹³Lafa nahavita ty faminania ie le nandeha amy fipetraha anabo.¹⁴Le hoasa ty renilahy Saoly taminy noho ty mpiasany hoe: " Taia ty nandinanareo? " Namaly hozao ie: " Nila azy boriky rey. Lafa nihainay fa tsy nety nihitanay rey, le nandeha amy Samoela any zahay. "¹⁵Hoasa ty renilahy Saoly: " Mba volano lahy ze ty vola i Samoela taminareo: " ¹⁶Namaly ty renilahy hozao Saoly: " Nivola taminay mazava soa ie fa efa hita eo ty boriky." Fa tsy nivola taminy ty mikasiky ty resaka fanjaka, ze fa nivolan'i Samoela ie.¹⁷Le nikaiha i Samoela hiaraky taloha Yaveh ta Mizpa tao azy olo rey.¹⁸Hozao tiasany tamy olon'Israely : " Zao ty raha nivolan'Yaveh: ' Nampiboaky an'Israely niala baka gypta tao Zaho sady nanavotsy anareo tamy tana Egyptiana rey, sady tamy ty tana ty fanjaka iaby ze nampijaly anareo. ' ¹⁹Fa henanizao nada ty Ndranaharenareo, ze nanavotsy anareo tamy azy loza rey noho ty fijalea nareo iaby; sady nivola taminy hozao nareo: 'Manenga mpanjaka aminay eo.' Henanizao aseseo aloha Yaveh araky ty fokoanareo noho ty fivorianareo ty vatanareo."²⁰Le nagnato an'i Samoela azy fokoanareo iaby rey, le ty fokoanareo i Benjamina ro voatingy.²¹Bakeo le nandesiny nagnato ty fivoriandrozy ty fokoanareo i Benjamina; le ty fokoanareo i Matrita ro voatingy, le i Saoly anakilahy Kisy le voatingy. Fa lafa nandeha nila azy ndrozy, le tsy nety hita ie.²²Le te hametraky fanontania lako mare tamy Ndranahare hozao: " Mbo misy lahilahy hafa ho avy va? " novalia Yaveh hozao: " Namony ty vatany amy enta rey ie." ²³Le nilomay ndrozy le nangalaky an'i Saoly bakao. Lafa nitsanga tamy olo teo ie, le lava nandilatsy ty olo iaby baka amy sorikiny eo noho miakatsy ie.²⁴Le hoasa Samoela tamy olo rey: " Hitanareo va azy lahilahy ze fa notingy Yaveh? Tsy misy olo manddilatsy azy amy ty olo iaby!" Ty olo iaby nikaikaiky hozao: " lo lava velo ty mpanjaka!"²⁵Le nivola tamy ty olo azy fomba noho ty fitsipiky ty fanjaka i Samoela, nanoratsy anirey tanay ty boky, sady nanenga anizay tanatreha Yaveh. Bakeo le nalefa i Samoela ty olo iaby, ho amy ty tranonony iaby.²⁶Noly tan-tranony ta Gibe'a avao koa i Saoly, sady niaraky tamy lahilahy ilany matanjaka ry, ze nokasihandranahare ty fony.²⁷Fa ty ilany tamy ty olo tsy misy ila azy rey nanao hozao: " Manao akory ty hahaza ty lahilahy io manafaky anay? " Nikizaky an'i Saoly azy olo rey sady tsy nanday fanomeza ho tiazy. Fa nintsy avao i Saoly.

Chapter 11

¹bakeo i Nahasy Amonita nandeha le nipetraky ta Jabesi-Gileada tany. Hoasa ty olo i jabesy iaby tamy Nahasy: "Manao vanenkea miaraky aminay, le hanompo anao zahay." ²Le namaly i Nahasy Amonita hoe: "Amy fepetra zao ro hanaovako fifanenkea aminareo iaby, sady zayt ty fomba hanandesa fanalam-baraka amy Israely iaby." ³Le namaly azy hozao ty lohola Jabesy: "Enggaho raiky maharitsy fito andro zahay, mba hahazanay mandefa iraky mbaamy faritsy ty tany Israely any iaby. sady ndra tsy misy ndra ia ndra ia hamonjy anay, le hanesy ty vatanay aminareo zahay." ⁴Le niavy ta Gibeatany, ze nipetraka i Saoly azy iraky rey, sady nivola ze niseho tany ty olo. Le nitany mare ty olo iaby. ⁵Le nanoriky ty aomby tambaibo tao i saoly. Hozao tiasa i saoly; "Ino ty nahavao any olo rey le nampitomany androzy rey?" Le nivolanindrozy tany saoly ze nivolany ty lahilahy i Jabesy. ⁶Lafa re saoly ze nivolanindrozy, le nilatsaky taminy teo ty Fanahin-Dranahary, le nimeloky mare ie. ⁷Nangalaky droka ty aomby raiky ie, le notapatapahany, le nampandinany heiky ty Israely iaby niharo tany iraky rey. Hozao tiasany: "Ze tsy hiboaky iaby hanoriky an'i Saoly noho Samoela, le manahaky rey ty hananova ty aombiny." Sady nilatsaky tany ty olo ty horohoro Yaveh, le niaraky niboaky manahaky ty olo raiky ndrozy. ⁸Lafa namory androzy. Lafa namory androzy ta Bezeka tany ie, le nisy telo hetsy noho ty olon'Israely, sady olo i Joda le telo aly. ⁹Hozao tiasan-drozy tany iraky mbo avy: "Hivola amy ty olo ty Jabese-Gileada nareo hoe: 'Lafa hamaray, amy fotoa mahamay ty masoandro, le hovanjea nareo.'" Le nandeha iraky rey le nivola tany olo i Jabesy, le faly ndrozy. ¹⁰Le hoasa ty olo jabesy tany Nahasy: "Hitolo- bata aminao zahay hamaray, le afaky anovinao aminay e hitanao fa mety aminao." ¹¹Lafa maraininy le nenga i Saoly tanay ty vondro telo ty olo. le nandeha tanivo ty toby tany fiambena maray ndrozy, le nanafiky ndrozy le naharesy azy aAmonita rey zisiky mahamay ty andro. Azy mbo nivola rey le naely, mba tsy hisia t ore hiaraky henga. ¹²Le hoasa ty olo tany samoela: "Ia azy nivola hozao iny: 'Hanjaka amitsika eto va i saoly?' Andeso olo rey, mba hahazantsika hamono androzy." ¹³Fa hoasa saoly: "nganie mba tsy hisy ho maty ndra raiky aza amy andro toy, safe Yaveh nanavotsy an'Israely androany." ¹⁴Bakeo le hoasa i Samoela tany ty olo: "Ndao, tsika handehaa Gilgala any laha navao ty fanjaka any ndraiky." ¹⁵Le nandeha ta Gilgala any ty olo iaby sady nanao an'i Saoly ho mpananjaka tantreha Yaveh ta Gilgala tany. Tany ty nananovandrozy soro fanday mpilongoa tanatreha Yaveh, le i Saoly noho lahilahin'Israely rey le vatany atsiky hafalea.

Chapter 12

¹Hozao tiasa Samoela tamy Israely iaby: "Fa nijanjy ty raha iaby nivolaninareo tamiko zaho, sady fa nitingy mpanjaka taminareo teo." ²Henanizao, ingo mandeha alohanareo eo ty mpanjaka; sady fa antitsy noho foty volo zaho; sady, anako rey aminareo eo. fa nandeha tanatrehanareo baka amy ty fahatanorako le zisiky henanio zaho. ³Ntoy zaho; mijoroa vavolombelo hanohitsy ahy anatreha Yaveh eo noho anatreha azy nohosorany. Aombia ty fa nalaho? Ampondrania ty fa nalako? Ia ty fa niverevereko? Ia ty fa nampijaleako? baka amy ty tanania ro fa nandrambesako kolikoly mba hanampy ty masoko? Misangana vavolombelo hanohitsy ahy, fa hampoliko aminareo zay."⁴Hozao tiasandrozy: "Tsy namerivery anay iha, tsy nampijaly nay, ndra nangnalaky ino ndra ino baka an-tanan'olo." ⁵Le hozao tiasany tamindrozy: "Yaveh ro vavolombelo aminareo, sady azy nohosorany iny ro vavolombelo androany, fa tsy nahita ndra ino ndra ino tan-tanako nareo." namaly hozao ndrozy: " Yaveh ro vavolombelo."⁶Hozao tiasa Samoela tamy olo: "Yaveh ro nitingyan'i Mosesy noho Arona, sady nanday ty razambebareo niakatsy avy bak a amy tany gypta tao." ⁷Le henanizao, atolory y vatanareo, mba hahazako mifanaraky aminareo anatreha Yavehmikasiky azy asa to Yaveh, ze nanoviny hoahinareo noho ty razambenareo. ⁸Lafa niavy ta egypta any i Jakoba , le nitoreo tamy Yavehazy razambenareo, le nandefa an'i Mosesy noho i Arona i Yaveh, ze nitariaky ty razambenareo hiboaky a Egipta any sady nipetraky tamy toera toy ndrozy. ⁹Fa ndrozy nagnalino an'yaveh Ndranahariny; Le nivarotsy androzy tan-tana i Siserateo, mitariaky ty miaramila i Hazora ie, tan-tana Filistina rey teo, sady tan-tana ty mpanjaka i Moaba teo; azy iaby rey ro nialy tamy razambendrozy. ¹⁰Nitaray tamy Yaveh ndrozy le nanao hozao: 'Fa nanota zahay, safe nahafoy an'Yaveh sady fa nanompo Bala noho Astarta rey. Fa henanizao afaho an-tana fahavalonay rey zahay, le hanompo anao zahay.' ¹¹Lafa zayle naniraky an'i Jerobala, Bedana, Jefta, le i Samoela Yaveh, sady nanome fandreseanareo tamy fahavalonareo iaby mihodidy anareo, le nahafahanreo niay ampilamina. ¹²lafa hitanareo fa avy hanohitsy anareo i Nahasa mpanjaka ty olo Amona, le hozao tiasanareo tamiko: 'Aha! Fa engaho, ho mpanjaka avao ty mpanjaka aminay eto'--- kanefa Yaveh Ndranaharinareo, ro mpanjakanareo. ¹³Ingo henanizao ty mpanjaka ze nitingininareo, sady ze fa nitingin'yaveh ho mpanjaka aminareo eo henanio. ¹⁴Laha mavaka an'Yaveh nareo, le hanompo Azy, oriho ty feony, sady ka mialy hanohitsy ty lilyn'Yaveh Ndranaharinareo nareo noho ty mpanjaka ze manjaka aminareo eo. ¹⁵Fa laha tsy manoriky ty feon'yaveh nareo, fa mialy manohitsy azy lilyn'yaveh, le hamango anareo ty tana Yaveh, manahaky ty nandrava ty razambenareo. ¹⁶Le miongaha henanizao le henteo ty raha bevata ze nanovy Yaveh tamasonareo za. ¹⁷Vasa tsy fotoa fanapaha vary tritika zao? Hikaiky an'Yaveh zaho, mba handatsahany ora noho hotroky. le ho hainareo noho ho hitanareo fa bevata ty haratiam-panahinareo, ze nataonareo ta mason'yaveh, tamy alala ty fangatahanareo mpanjaka." ¹⁸Le nikaiky an'yaveh i Samoela; le tamy zay ando zay avao le nandefa ora noho hotroky Yaveh. Le navaka amare an'Yaveh noho Samoela iaby ty olo. ¹⁹Le hoasa ty olo iaby tamy samoela: "Mivavaha hoahy ty mpanomponao rey amy YavehNdranaharinao, mba tsy ho maty zahay. Safe fa nanampy ty fahotanay iaby tamy ty raha raty zao tamy alala ty fangataha mpanjaka zahay." ²⁰Le namaly hozao samoela: " Ka mavaka. Fa nanao ze raha raty iaby zao nareo, fe ka miala amy Yaveh, fa manompoa an'yaveh amy fonareo iaby. ²¹Ka mibio manoriky raha fahatany ze tsy mahaso na mahavonjy anareo, safe tsy misy ila androzy. ²²Fa noho ty narany bevata, le tsy handa ty olony Yaveh, safe mahafaly an'Yaveh manao anareo ho olony. ²³Laha ty amiko, le sanatriaviko ty hanota amy amy Yaveh amy fiegnena ty hivavaky ho ahinareo. Fe hampianatsy anareo ty lala ze soa noho to zaho. ²⁴Yaveh avao ro atahora sady manompoa Azy amy ty fahamarina amy fonareo iaby. eritsereto ze raha bevata ze fa nanoviny taminareo. ²⁵Fa laha mikinia hanao ty raty nareo, le samby ho rava nareo noho ty mpanjakanareo."

Chapter 13

¹Telopolo tao i Saoly ro nanomboky nanjaka; lafa nanjaka efa-poto tao tamy Israely teo ie, ²le nitingy lahilahy telo arivo ro niaraky taminy ta Mikmasy amy vohitsy tana i Betele tany, lafa arivo ty niaraky tamy Jonatana ta Gibeia i benjamina tany. Azy miaramila sisa tavela le nampandina noly, ty lahilahy kiraikiraiky le samby ho an-dainy iaby.³Naharesy ty toby miaramila ty Filistina i Jonatana ze ta Geba tany le nireny Filistina rey zay. Le nitioky tropetra heniky ty tany i Saoly, nivola hozao: " ⁴Nireny Israely iaby fa nandresy ty miaramila Filistina i Saoly, le niavy avao koa Israely le nanjary fofa mantsy hoahy Filistina rey. Le azy miaramila rey nampikaiha hiharo hanoriky an'i saoly a Gilgala any.⁵Niaraky niharo azy Filistina rey mba hialy hanohitsy ty Isarely: Kalesy telo arivo, lahilahy eninarivo handay kalesy rey, le ty antoko maro hisaky manahaky ty fasy anila ty riaky. Niakatsy ndrozy le nipetraky ta Mikmasy tany, antiana i betavena.⁶Lafa hita ty lahilahy Israely rey fa nialy ndrozy— fa nijaly ty olo , le nivony tan-davaky tanay ala lako tao, tamy ty bolokom-bato, tamy famorian-drano, le tanay lavaky ao ty olo. ⁷Ty ilany tamy Hebreo rey niampita tamy Jordanaho amy tany i Gada noho Gileada. Fa Saoly mbo ta Gilgala tao, le tamy fahatahara ty nanorihy ty olo lako azy.⁸Niamby naharitsy fito andro ie, ty fotoa ze namea i samoela ty=sy niavy ta Gilgala, le niparitaky niala tamy Saoly teo. ⁹Hozao tiasa i Saoly: " Andeso amiko atoy ty fandayhoroa noho ty fanday ampilongoa." Le nasesy ty fanday horoa. ¹⁰Vo nasesiny ty fanday oroa iny le niavy i Samoela. Niboaky noho nitsena niarahaba azy i Saoly.¹¹Le hoasa i Samoela: " Ino va ty nanovinao?" Namaly hozao i saoly: " Lafa nihitako fa niala tamiko ty olo, le tsy niavy tamiko eto tamy fotoa namea iha, le azy Filistina rey fa nivavaky ta Mikmasy tany, ¹²le hozao tiasako: 'Henanizao azy Filistina rey le hijotso hanohitsy ahy a Gilgala, le zaho tsy nila ty fankasitraha yaveh.' le namorise ty vatako hanesy fanday horoa zaho."¹³Le hozao tiasa i Samoela tamy Saoly: "nanao hadala iha. Tsy nidary ty lily Yaveh Ndranaharinao ze nameany anao iha. Fa tamizay ty nanomeza Yaveh ty fanapahanao amy Israely mandrakizay. ¹⁴Fa henanizao le tsy hitohy ty fanapahanao. Nila lahilahy raiky hafa araky ty fony avao Yaveh, le Yaveh ro nitingy azy ho mpanjaka amy olony eo, safe tsy nannoriky ze nandidiany anao iha."¹⁵bakeo Samoela nandeha le niakatsy baka a Gilgala tany ho a Gibeana i Benjamina any. Le nanisaky ty olo ze niavy niaraky taminy teo i Saoly, tokony ho lahilahy enin-jato teo vasa. ¹⁶Saoly, Jonatana anakilahiny, le ty olo ze niavy niaraky tamindrozy teo, le nipetraky ta Gibeia ty Benjamina tao. Fa azy Filistina rey avao ro nivory ta Mikmasy tany.¹⁷Niboaky baka amy ty tobiny azy Filistina rey tamy ty filahara telo mpanafika rey. Ty filahara raiky naneha Ofra, amy tany Saola any. ¹⁸Ty filahara raiky hafa nandeha a Beti-horona, le ty filahara raiky hafa nandeha amy sisin--tany ze hijolova ty tany malemy i Zeboima miatriky ty tany efitsy.¹⁹Tsy nahita mpanefy heniky ty Israely iaby, safe hoasa Filistina rey: "Laha tsy zay azy Hebreo rey le hanamboatsy mesobe na lefo ho ahindrozy." ²⁰Fa azy lahilahin'Israely iaby rey lefa zatsy nijotso amy Filistina rey, ty kiraikiraiky mba handranitsy ty tendro ty fangaliny, ty fihalian-taniny, ty famakiny, noho ty fibirany. ²¹Ty takaramny le roa ampaha telo ty sekely ty loha ty fangaly, noho fihalia tany, le raiky ampaha telo ty sekely ty fandrana ty famaky noho ty fanitia ty fantrobora.²²Le tamy ty andro ty fialia, le tsy nahita mesobe na lefo tan-tana ty miaramila ze niaraky tamy Saoly noho Jonatana rey; i Saoly noho Jonatana anany avao ro nana anizay.

²³Azy miaramila Filistina rey niboaky nandeha amy lala Mikmasy mbany.

Chapter 14

¹Tamy andro raiky zay, i Jonatana anaky Saoly nivola tammy mpamaraky mpanday ty fialiany hozao: " Ndao, tsika hiampita amy toby Miaramila i Filistina ampita eny." fe tsy nivolaniny ty babany.²Nipetraky tammy manodidy an'i Gibe a ambany ty hazo ampongabendanitsy ze ta Migrona tao i Saoly. Tokony lahilahy enin-jato teo vasa ro niaraky taminy, ³anainy zay i Ahia, anaky Ahitoba(rahalahin'i Ikaboda) anaky Finehasa anaky Ely, azy mpisoron' Yaveh ta Silo tao iny, ze nisiky efoda. Tsy hay ty olo hoe nandeha i Jonatana.⁴Tamy lafy kiraikiraiky amy fità ze nitean'i Jonatana handehana mba handina amy miaramila Filistina,le nisy bolokom-bato tamy ilany le bolokom-bato hafa tamy ilany. Ty bolokom-bato daily hafa nikaiha hoe Bozeza le ty bolokom-bato raiky hafa nikaiha hoe Sena. ⁵Ty bolokom-bato raiky nitsanga tavaratsy two aloha Mikmasy, le raiky hafa tan-timo taloha I Geba.⁶Hoasa i Jonatana tamy azy pamaraky ,mpanday ty fialiany: "Ndao ,tsika hiampita amy miaramila azy tsy voasoratsy rey eny. Vasa mba hiasa ho ahintsika Yaveh, fa tsy misy ino ndra ino manaka an'Yaveh amy famonjea amy ty lako ndra amy ty tsy ampy." ⁷Namaly hozao azy mpanday fifalia iny: "Anovy iaby ty kila raha ze anainao ao. Mandrosoa, ingo,miaraky aminao zaho,mba hanoriky ty baikonao iaby."⁸Le hozao tiasa i Jonatana: "Hiampita amy lahilahy any rey tsika, sady hiboaky amindrozy eo. ⁹Laha mivola hozao amitsika ie: "Andinaso eny zisiky hiaviany aminareo eny"—le hiegnny amy ty toeratsika tsika le tsy hiampita amindrozy eny. Fe lafa mamaly hozao ndrozy: ¹⁰Fe laha mamaly hozao ndrozy: ' Mandina aminay atoy', le hiampita tsika; safe fa nasesin'Yaveh ho antanatsika ndrozy zay ty famantara ho ahintsika."¹¹Le samby niboaky tamy toby miaramila Filistina teo ndrozy. Hoasa Filistina ry: " Ingo, niboaky baka amy ty lavaky ze nivoniandrozy ty vata i Hebreo rey." ¹²Le nikaiky an'i Jonatana noho mpanday ty fialiany azy lahilahy Miaramila rey, le nanao hozao: " Manganiha aminay atoy, le hampitoroanay raha nareo." Hoasa i Jonatana tamy mpanday ty fialinay: " Manoriha ahy baka afara ao, safe fa natolotsy yaveh an-tana Israely ndrozy."¹³Niakaty tamy tanany noho tombony i Jonatana, le nanoriky tafara tao ty mpanday ty fialiany. Novonoa taloha Jonatana teo ay Filistina rey, le ty mpanday ty fialiany namono ty ilany tafarany tao. ¹⁴Zay ty fanafiha velohanny ze nanovin'i Jonatana noho ty mpanday ty fialiany zay, le vatany nahafaty ho lahilahy roapolo tamy faritsy ty antsasa-hektara.¹⁵Nisy aly be tan-toby tao, tambaibo, noho tamuy olo rey. ndra ty miaramila noho ty mpanafiky aza le navaka. Nihozongozo ty tany, sady nisy fahavaka bevata.¹⁶Le azy mpitily i Saoly ta Gibe a i Benjamina tany rey nagnenty; niparitaky ty olo ty miaramila Filistina, le nandeha mbetia mberoa ndrozy. ¹⁷Le hoasa i Saoly tamy ty olo ze niaraky taminy: " Hisao sady henteo ze tsy etoa ty baka amitsika."lafa nanisaky ndrozy, le i Jonatana noho ty mpanday ty fialiany ro tsy teo.¹⁸Hoasa i Saoly tamy Ahia: "Andeso atoy ty fiaran- Dranahare,"fa tamy olon'Israely rey zay tamy fotoa zay. ¹⁹Saoly mbo nnivola tamy mpisoro rey, le nitohy noho nihalako ty korakoraky tan-toby Filistina tao. Le hoasa i saoly tamy mpisoro: 'Ampolio tananao ty."²⁰Nitambatsy sady nandeha tan'aly tany i Saoly noho ty olo iaby ze niaraky taminy. Ty mesobe ty Filistina kiraikiraiky le namono ty tana raiky taminy, le nisy aly bevata vatany. ²¹Le azy hebreo ze niaraky tamy Filistina taloha rey, noho ze nandeha niaraky tamindrozy rey tan-toby aza le mba niharo tamy Israelita ze niaraky tamy Saoly noho Jonatana.²²Lafa nire olo Israely iaby rey ze nivony tamy vohitsy anila Efraima fa nilay Filistina rey, le nihindignindrozy zisiky an'aly any rey. ²³Le tamy zay andro zay le nanavotsy an'Israely yaveh, le nandilatsy zisiky ta Betavena any ty aly.²⁴Nijaly ty olo Israely tamy zay andro zay safe nenga i saoly tambany ty fiaina ty olo le nanao hozao; " Voahozo ze olo mihina hany zisiky hariva le zaho le hamaly faty amy fahavaloko rey." Le tsy nisy olo baka amy ty antoko nihina hany. ²⁵Le nilitsy tan'ala tao ty olo iaby le nisy tantely tamy tany tao. ²⁶Lafa nilitsy tan'ala tao ty olo le nite ty tantely, fe tsy nisy olo nanao ty tanany tam-bavany tao safe navaka ty fanta ty olo.²⁷e tsy nire i Jonatana fa mavaka ty olo tamy fanta i babany. Le nampitsanga ty loha ty kobay ze tan-tanany teny ie le nampijobo anizay tamy lohan-tantely. nampiakatsy ty tanany tam-bavany tao ie, le nazava ty maony. ²⁸Le azy raiky tamy ty olo namaly hozao: " Nivozaha ty babanao tamy ty fanta sarotsy vatany va ty olo, tamy nivolanany hozao: 'Voahozo ty olo ze mihina hany amy andro toy,' ndra malemiley ty mosary aza ty olo."²⁹Le hozao tiasa i Jonatana: "Nanakoronta gny tany ty babako. Henteo ty masoko fa nanjadry nazava safe nana kely tamy tantely toy zaho. ³⁰Sandraky laha nihina malalaky tamy ze nala tamy fahavalondrozy ze nihan'olo tandroany rey? Safe tsy bevata tamy Filistina rey noho ty famonoa henanizao."³¹Tamy andro io le nanafiky azy Filistina rey nanomboky ta Mikmasy zisiky Aialona ndrozy. Le vatany vozaky ty olo. ³²Nilomay mare tamy azy norava rey ty olo le nangalaky aondry, aomby noho anak'aomby, sady namono anirey tamy tany. Nihan'olo niaraky tamy lio ty olo.³³Le hozao tisandrozy tamy Saoly: " Ingo, nanota tamy Yaveh tamy fihinana niaraky amy lio ty olo." Hozao tiasa i Saoly: "Nanao ze tsy matoky nareo. Henanizao, Agoroso vato bevata etoa ho ahy." ³⁴Hoasa i Saoly: "Miboaha baka amy olo eo, le volano androzy hozao: 'Engaho ty olo kiraikiraiky handay ty aombiny noho ty aondriny, vono atoy rey, le hano. Ka manota amy Yaveh amy fihinana miaraky amy ty lio." ' Le ty olo kiraikiraiky le samby nanday ty aombiny niaraky taminy tamy haly io sady namono anizay teo.³⁵Nanamboatsy alitara ho ahy Yaveh i

Saoly, ze alityara velohany namboary hoahy Yaveh.³⁶Le hoasa i Saoly: "Ndao tsika hagnindy Filistina lafa haly sady handrava androzy zisiky maray; ndao tsy hengatsika hisy velo ndra ty raiky amindrozy aza. " Namaly hozao ndrozy: " Anovo ty raha iaby ze mety ho soa aminao." Nefa hoasa ty mpisoro: " Ndao tsika hagnato an-Dranahare etoa." ³⁷Nanontany an'i Ndranahare i Saoly manao hozao: " Tokony hagnia Filistina rey va zaho? " Hanesy androzy an-tana Israely va Iha? Fe tsy namaly azy Ndranahary tamy andro io.³⁸Le hozao tiasa i Saoly: "Avia atoy, nareo mpitariky ty olp iaby; bakaia sady henteo ty fomba niboaha zao fahota zao androany. ³⁹Fa lafa mbo velo koa Yaveh, ze manavotsy ty Israely, ndra amy Jonatana anako aza zay, fa le vatany ho maty ie." Fe tsy nisy tamy olo rey teo iaby namaly azy.⁴⁰Le hozao tiasandrozy iaby tamy Israely: "Miongaha ankilany eo, le zaho noho Jonatana anako le ho amy ty ilany." Hozao tiasa olo rey tamy Saoly: " Anovo ze mety ho soa aminao." ⁴¹Le hoasa i Saoly tamy Yaveh, Ndranahare Israely: " Ampitoro i Tomima." Jonatana noho Saoly ro azo baka amy filoka, fa tafiala tsy voatingy koa ty olo. ⁴²Le hozao tiasa i Saoly: " Manaova filoka amiko noho Jonatana anako." Le i Jonatana ro notinginy tamy ty filoka. ⁴³Le hoasa i Jonatana: " Volano ahy ze nanovinao." Hoasa i Jonatana taminy: "nanandra tantely kely tamy foton-kazo ze tan-tanako tetoy zaho. Intoy zaho; ho maty zaho." ⁴⁴Hoasa i Saoly: " Hanao anizay Ndranahare sady hanao mandilatsy amiko avao koa, laha tsy maty iha, lahy Jonatana. ⁴⁵hoasa ty olo tamy Saoly: "Tokony ho maty va i Jonatana, ze nahatanteraky zay fandreseva bevata hoahy Israely zao? Sanatria zay lahy! Laha mbo velo avao koa Yaveh, le tsy hisy pititsy ndra raiky ty volon-dohany hilatsaky amy tany, fa niasa niaraky tamy Ndranahare ie nandroany." Le nanavotsy an'i Jonatana ty olo le zay tsy nahafaty azy. ⁴⁶Le niegny tsy nagnia Filistiuna rey i Saoly, le nandeha tamy toeran-drozy rey tany Filistina rey.⁴⁷Lafa nanomboky nanapaky an'Israely i Saoly, le nialy tamy fahavalony tamy kila tany iaby rey ie. Nialy tamy MOaba, azy Amonita rey,Edoma, azy mpanjaka i Zoba, sady Filistina rey ie. Ndra taia ndra taia nitolihany, le nampanandesiny sazy ndrozy. ⁴⁸Niasa tamy heri-po bevata ie le naharesy Amalekita rey. Namonjy ty Israely iaby ho afaky tamy tana ze nandrava azy rey ie. ⁴⁹Azy anakilahy Saoly rey le i Jonatana, Jisvy, le i malkisoa. Ty anara ty anakampelany roe rey le i Meraba, talan'olo ampela, le i Mikala faravavy. ⁵⁰Ahinoama ty anara ty valy i Saoly; anakampela i Ahimaza ie. Ty anara ty kapiteny ty miaramilany le i Abnera anaky Nera, rahalahy ty baba i Saoly. ⁵¹Kisy ro baba i Saoly ; le i Nera , babai Abnera, ro anakilahin'i Abiela.⁵²Tamy andro i Saoly iaby le nisy aly mare tamy Felistina. Lafa nahita olo mahery, ndra olo mahery fo i Saoly, le nany ho tiazy ie.

Chapter 15

¹Hoasa i Samoela tamy Saoly: "Yaveh naniraky ahy hanositsy anao ho mpanjaka ho amy Israely olony. Henanizao le janjino ty safa Yaveh. ²Zao ty vola Yaveh Tompoa ty lako: 'Fa jiloko ty nanovin'i Ameleka tamy olon'Israely tamy nanoherany androzy rey-tan-dala tany, lafa niakatsy baka Egipta any ndrozy. ³Henanizao le mandina le tafiho i Amaleka sady le vatany ravao ze kila raha nanandrozy. Ka miaro androzy, fa samby vono ndra lahilahy ndra ampela, ty tanora noho aja, ty aomby noho ty aondry, le ty rameva noho ty boriky.'" ⁴Nampikaiky ty olo i Samoela le nanisa androzy tamy tana i Telaima: lahilahy nandeha tomboky roe hetsy, sady lahilahy i Joda ray aly. ⁵Bakeo i Saoly le niavy tamy tana i Ameleka tany sady niambly tambaimbo tany. ⁶Le hoasa i Saoly tamy Kenita rey: Mandina, miala, miboahabaka amy Amalekita rey, mba tsy handravako anareo miarakany amindrozy. Fa nampitoro hasoafanahy tamy Israely iaby nareo, tamy nareo vo niavy baka gypta tany ndrozy." Lafa zay le niala tamy Amalekita ta Kenita rey teo. ⁷Bakeo le namango an'i Amalekita rey i Saoly, baka a Havilaha le zisiky aSora, ze antinana i gypta any. ⁸Le nosamboriny velo i Agaga mpanjaka Amelekitany; le vatany naravany tamy mesobe ty olo iaby. ⁹Fa niaro an'i Agaga, miarakany aondry rey, aomby, aombivavy niharea, sady anakaondry soa biby Saoly noho olony rey. Ty raha iaby ze soa, tsy nisimba-ndrozy. Fa niravandrozy koa kila raha iaby ze nibokany noho tsisy dikany. ¹⁰Le niavy tamy Samoela ty safa Yaveh, nanao hozo: " ¹¹Nanenenako ty nananovako an'i Saoly ho mpanjaka, fa niala tamy fanoriha Ahy ie sady tsy nanoriky ty liliko." Nimeloky i Samoela; nikoraky mare tamy Yaveh ie tanaty ty haliky raiky. ¹²Lafa maray le nifoha aloha Samoela mba hifankahita amy Saoly. Nivola tamy Samoela manao hozo: " Niavy ta Karmela Saoly sady nananga tsangam-bato hoahy ty vatany, le nimpoly ka nanohy ty nijotso nandeha a Gilgala." ¹³Le niavy tamy Saoly tany i Samoela, le hozo tiasa i Saoly taminy: " Notahian'i Yaveh lahy iha! Norihiko ty lilyn'Yaveh." ¹⁴Hozo tiasa Samoela: " Ino va fitren'aondry an-tsofiko ao zao, noho ty fitre ty aomby reko zay?" ¹⁵Namaly hozo Saoly: "Fa nandesindrozy baka amy Amalekita rey zay. Fa niaro ty aondry noho ty aomby soa biby rey olo reo, mba hanaova soro hoahy Yaveh Adriananaharinao. Fa vatany naravanay ty ilany tavela." ¹⁶Le hozo tiasa Samoela tamy Saoly: "Andinaso, fa ho volaniko anao ze nivolanin'yaveh tamiko tamy nankaly." Le hozo tiasa Saoly taminy: " Mivolana1" ¹⁷Hozo tiasa i Samoela: " Ndra kely imasonao eo avao aza iha, va tsy nanovy ho be ty fokoa Israely rey va iha? Sady Yaveh ro nanosotsy anao ho mpanjaka amy Israely eo, ¹⁸le Yaveh ro nanraky anao tamy lalanao nanao hozo: 'Mandina le vatany haravao mpanota rey, azy Amalekita rey, sady mialia amindrozy zisiky handrava androzy.' ¹⁹Nanino iha ro tsy nanoriky ty safa yaveh, fa naisambotsy ty azo iha sady nanao ze raty ta imaso Yaveh?" ²⁰Le hoasa i Saoly tamy Samoela: "Nanoriky ty feo Yaveh vatany zaho, sady fa nandeha tamy lala ze naniraha Yaveh ahy. Fa nosamboriko i Agaga, mpanjaka an'i Ameleka, sady le vatany noravako Amalekita rey. ²¹Fe nangalaky ty ilany azo sambotsy—aondry noho aomby, ty raha soa natao hoahy ty fandrava, mba hanaova soro hoahy Yaveh Ndranaharinao a Gilgala any ty olo." ²²Namaly hozo i Samoela: "Mankasitraky ty fanday noroa noho ty soro vatany va Ndranahary, manahaky ty fanoriha ty feo Yaveh/ Soa mandilatsy ty soror ty fanoriha, sady ty mijanjy ty soa mandilatsy ty vatan'aondry lahy. ²³Fa ty fialia le fahota ty sikily, le ty heriloha le manahaky ty faharatia noho fahota. Safe fa tsy norihinao ty safa yaveh, le nanda anao tsy ho mpanjaka avao koa Ie." ²⁴Le hozo tiasa i Saoly tamy samoela: " Fa nanota zaho; safe tsy nanoriky ty lily Yaveh noho ty safanao rey, safe navaka olo rey zaho sady nanoriky ty feondrozy ²⁵Henanizao, mba engaho lahy ty fahadisoako, le mimpoliana miarakany amiko mba hanompoako an'Yaveh." ²⁶Hozo tiasa i samoela: " Tsy himpoly miarakany aminao zaho; safe nanda ty safa yaveh iha, sady fa nanda anao tsy ho mpanjaka amy Israely eo Yaveh." ²⁷Samoela holy iny, le nosambory Saoly ty joro ty sikiny, le tataka zay. ²⁸Hozo tiasa i Samoela taminy: " Fa nala Yaveh hiala aminao ty fanjaka Israely androany le fa namea ty namanao, ze soa tany iha. ²⁹Le, ty hatanjaha Israely le tsy havandy dra hampiova ty heviny mihintsy; fa tsy olo Ie, ka hiova hevitsy." ³⁰Le hozo tuiasa i Saoly: " Fa nanota zaho. Fe mba omeo voninahitsy miatriky be ty oloko noho anatrehan'Israely eo lahy zaho henanizao. Mimpoliana miarakany amiko ndraiky, mba hanompoako an'Yaveh Ndranaharinao." ³¹Le himpoly nanoriky an'i Saoly ndraiky i Samoela, le nanompo an'i Yaveh i Saoly. ³²Le hozo tiasa i samoela: "Andeso amiko atoy i Agaga mpanjaka i Amalekita rey." Le nandeha amy Agaga nifehy amy gadra vy sady nanao hozo: " Le nandeha vatany ty faitsy ty fahafatesa." ³³Namaly hozo i samoela: " Noho ty nananovanao ty mesobenao azy ampela tsy teraky rey, le tsy hiteraky manahaky zay koa ty reninao amy ampela rey." Le nitapatapa i Samoela tanatreha Yaveh ta Gilgala tany i Agaga. ³⁴Nandeha a Rama any i Samoela, le niakatsy tan-tranony ta Gibe'a i Saoly tany i Saoly. ³⁵Tsy nahita an'i Saoly i Samoela zisiky amy ty andro nahafaty azy, fa niferinesany mare i Saoly. Le vatany naneny Yaveh tamy nanaovany an'i Saoly ho mpanjaka tamy Israely teo

Chapter 16

¹Hozao tiasa Yaveh tamy Saoly: "Zisiky ombbbia iha ro hisaona an'i saoly, safe tsy nenkeniko ho mpanjaka heniky Israely ie? Atreho soliky ty tsifanao sady mandina. Hirahiko ho amy Jesebaka Betlehema any iha, fa efa nitingy mpanjaka ho tiahy amy anakilahiny rey Zaho."²Hozao tiasa i samoela: " Amy fomba manao akory ty handinako? Laha mahare anizay i Saoly le ho vonoany zaho." Hoasa Yaveh: "Manadesa aomby vavy miarakny aminao le volano hozao: ' Avy hanao soro hoahy Yaveh zaho.' ³Kaiho ho amy soro zay i Jese, le hatoroko anao ze hanovinao. Hanositsy ay raiky ze fa nivolaniko anao ho Tiahy iha."⁴nanao ze nivolanin'Yaveh i Samoela le nandeha ta Betlehema tany. Navaka azy be tamy tana zay teo lafa niavy hitojiky aminy ndrozy sady nivola hozao: " Avy mba hilongo va iha? ⁵Hozao tiasany: "Hilongo; Avy hanao soro hoahy Yaveh zaho. Miomana nareo hanoka ty vatanareo sady manoriha ahy amy fanaova soro any." Le nanoka an'i Jese noho anakilahiny rey sady nanasa androzy ho amy azy fanaova soro any.⁶Lafa niavy ndrozy, le nagnety an'i eliaba ie sady nivola tamy ty vatany manao hozao nitsanga alohany eo vatany azy voahosotsy Yaveh. Fe hoasa Yaveh tamy Samoela: "Ka manenty ty tarehiny ivelany, ndra ty hahabo ty fitsangany; safe fa nanda azy Zaho. ⁷Fa Yaveh le tsy manenty ty fanentea ty olombelo; ty olombelo ty manenty ty tarehy ivelany, fa Yaveh manenty anay ao."⁸Bakeo nikainy an'i Abinadaba i Jese le nampandeha azy taloha i Samela teo. Le hozao tiasa i Samoela: " Tsy nitingy any azy raiky io avao koa Yaveh." ⁹Bakeo le nampandrio an'i sama i Jese, fe hozao tiasa i samoela: " tsy nitingy anio avao koa Yaveh."¹⁰Nampandanlovin'i Jese taloha i Samoela teo ty fito amy anakilahiny rey. Le hozao tiasa i samoela tamy Jese: " Tsy nitingy ndra ia ndra ia tamy rey Yaveh."¹¹Le hozao tiasa i Samoela tamy Jese: " toa iaby va ty anakilahinao? " Namaly hozao ie: " Mbo misy anakilahiko fara lahy tavela, fa miamby aomby ie." Hozao tiasa i Samoela tamy jese: " Mandila le alao ie; safe tsy hipetraky tsika zisy hiaviany eto." ¹²Nandeha i Jesele nanday azy nilitsy. Le azy pamaraky io le mena volo noho soasoa maso sady tovolahy ivelany. Hozao tiasa Yaveh: "Miongaha, hososo ie; fa ie ro izy."¹³Le nirambesy Samoela ty tsifa misy ty soliky le nosoranytanivo ty rahalahany ie. Nilatsaky tamy Davida ty fanahin'Yaveh tamy zay andro zay. Bakeo le nitsanga i Samoela le nandeha ta Rama tany.¹⁴Le nanenga an'i Saoly ty fanahin'Yaveh, le nisy fanahy raty baka amy Yaveh nampihorohoro azy. ¹⁵Hoasa ty mpanompo i Saoly rey taminy: " Ingo, misy fanahy raty baka amy Adriananahary mampikoronta anao. ¹⁶Engaho ty tomponay handidy azy mpanomponao rey mba hila lahilahy raiky ze mana fahaiza amy fititiha lokanga. Lafa aminao eo ty fanahy raty baka amy Andriananahary, le hititiky anizay ie ka ho soa iha."¹⁷Hozao Saoly tamy mpiasany rey: " Ilao lahilahy ze afaky mititiky soa zaho le andeso amiko atoy ie."¹⁸Le namaly azy ty raiky tamy mpamaraky rey, le nanao hozao: " Fa nahita anakilahy Jese azy Betlehemita iny zaho, azy vatany mahay mititiky iny, matanjaky, lahilahy lako heri-po, lahilahin'aly, mahay mandahatsy fivolana, lahilahy tovolahy; le teany Yaveh ie." ¹⁹Le nandefa mpanday hafatsy tamy Jese tany Saoly, ka nivola hozao: "Alefaso amiko atoy Davida anakilahinao, azy miarakny amy aondry."²⁰Nangalaky boriky raiky mitao mofo, divay sihoa raiky, noho anak'aosy i Jese, le nandefa androzy niarakny tamy ty anakilahiny ho amy Saoly any.²¹Bakeo niavy tamy Saoly tany i Davida. Teany i Saoly mare ie, le nanjary mpanday ty fialiany.²²Naniraky Jese hozao Saoly: " Engaho hitsanga alohako eto Davida, safe nahita fitea ta masoko eo ie." ²³Saky avy amy saoly eo ty fanahy raty baka amy Andriananahary, le nangalaky ty lokanga Davida sady nititiky anizay. Le velombelo voho tony Saoly, le niala taminy teo fanahy raty iny.

Chapter 17

¹Navory Filistina rey ty miaramilandrozy hialy. Nivory ta Soko tao, azy ahy Joda rey. Nipetsaky tanelanela Soko noho Azeka teo, ta Efasa-damima tao ndrozy.²Saoly noho ty lahilahin'Israely le nivory sady nipetsaky tam-baibo Elaha tao, le nandamy ty filaharandrozy amy ty aly mba hifamaly amy Filistina rey. ³Nitsanga tanabo vohitsy tampita teny azy Filistinarey, le Israely rey kea nitsanga tanabo vohitsy tam-pita teny le ty baibo ty nanelanela androzy.⁴Lahilahy mantanjaky raiky ro niboaky baka amy ty fivoria Filistinarey tao, lahilahy nokaiha hoe Goliata baka a Gata tany, ze hakiho eny le zeha raiky ty halavany. ⁵Nanisy satroky fiarovan-doha saba tamy lohany teo ie, le nisiky siky fiaraova tratra. Saba dimarivo sekely ro anja ty siky zay.⁶Nanao fiarovan-dranjo saba noho lefo saba tanelanela ty sorony ie. ⁷Bevata ty karan-defony, miaraky a my ty taly voloa fanoraha azy manahaky ty taly amy ty fori-teno ty mpandrare. Ty loha ty lefo le vy milanja sekely enin-drato. Nandeha taloha ty mpanday fangaliny. ⁸Nitsanga ie sady nikoraky mare tamy filahara Israely rey: " Manino nareo ro avy hilahatsy hialy? Tsy Filistina va zaho, le nareo mpanompo i Saoly? Mitingina lahilahy raiky aminareo le engaho ie hijotso amiko etoa. ⁹Laha mahay mialy amiko sady mahafaty ahy ie, le ho mpiasanareo zahay. fa laha mandresy azy sady mahafaty azy zaho, le ho mpiasanay nareo sady hiasa ho ahinay."¹⁰Le hozao ndraiky azy Filistina rey: " Manao pareazy amy filahara Israely rey zaho androany. Ameo lahilahy raiky zaho mba ho afaky hiaraky hialy zahay." ¹¹Lafa nire ze nivolanany Filistina i Saoly noho ty Israely iaby le kivy ndrozy, sady le navaka mare.¹²I Davida le anakilahan'i Efratita baka Betlehema a Joda ao, i Jese ty anarany. nana anakilahy valo ie. Jese le lahilahy antitsy tamy andro i Saoly, le vatany antitsy tamy lahilahy rey. ¹³Azy zokiny telo amy anakilahy Jese rey le nanoriky an'i Saoly tamy aly tany. Ty anara anakilahiny telo ze nandeha amy amy aly any rey le i Eliaba ro talan'olo, faharoe manoriky azy i Abinadaba, le i Sima ty fahatelo.¹⁴davida ty zainy mare. Azy telo zpkiny mare ro nanoriky an'i Saoly. ¹⁵Le i Davida le nandroso noho nimpoly tamy miaramila i Saoly rey teo noho ty aondry ty babany ta Betlehema tao, mba hamaha androzy. ¹⁶Maray noho ty haly zisiky efa-polo andro azy lahilahy Filistina matanjaka iny ro niavy nagnanto mab hanesy ty vatany ho amy ty aly.¹⁷Le hoasa i Jese tamy Davida anany: " Mangala daba raiky amy vary nendasy toy sady azy mofo folo reia hoahy ty lahilahinao, sady andeso malaky amy ty fivoria ty rahalahinao retia. ¹⁸Andeso amy kapiteny ty arivo avao koa azy fromazy folo retia. Hentao hoe manao akory ty rahalahinao sady manandesa porofo mimpoly atoy hoe tsy manino ndrozy.¹⁹Miaraky amy saoly noho ty lahilahy iaby an'Israely amy baibo i Elaha any, mialy amy Filistina azy rahalahinao rey." ²⁰Nifoha aloha i Davida lafa maray le anenga ty filahara ty aondry noho ty aosiny nikarakara ty mpiarakay aondry raiky. Nangalaky fitaova rey ie le nandeha, araky ty nandidia i Jese azy. Niavy tamy toby eo ie lafa vo niboaky tam-baiho vo vatany teo mba hikoraky aly ty miaramila. ²¹Bakeo le nilahatsy hialy amy Israely noho Filistina rey, miaramila manohitsy miaramila.²²Nanenga ty hanagnany tamy mpitanjaka ty fitaova rey ie, nilomay nandeha tamy miaramila rey any, le nifankita tamy rahalahiny rey. ²³Ie mbo niresaky tamindrozy rey iny, azy lahilahy matanjaka, ay Filistina baka a Gata iny, hozao ty fikaiha azy: "Goliata, le niboaky baka amy filahara i Filistina rey, le nivola ty safa ze fa nivolaniny taloha teo, le nire i Davida ndrozy. ²⁴Lafa nihita ty lahilahin'Israely iaby, le nilay azy sady le vatany navaka ndrozy.²⁵Azy lahilahin'Isarely rey nivola hozao: " Hitanao va lahilahy manganiky iny? Niavy mba hila aly amy Israely ie. Hanome hanagna lako an'izay mamono azy ty mpanjaka, sady hanome azy ty anakampelany ho valiny ie, sady hanafaky ty longo ty babany amy fandoava haba a Israely ao."²⁶Hoasa i Davida tamy azy lahilahy ze nitsanga tanilany teo: " Ino va ty hanova hoahy lahilahy ze mamono Filistina toy sady hagnafaty ty fahafaham-baraka amy Israely? Ia amy ty Filistina tsy nosavary toy ro mila kinainay amy miaramila i Ndranahare velo? " ²⁷Le nampolin'olo ze fa nivolanindrozy sady nivola hozao taminy : " Le manahaky zay avao ty atao hoahy lahilahy ze mamono azy."²⁸Nahare azy niresaky tamindrozy i Eliaba zokiny talan'olo. Le nimelky mare amy Davida i Eliaba, le hozao tiasany: " Nanino iha ro mijotso atoy?" Ia ty nanenganao ty aondry kely rey an-tany efitsy any? Haiko ty fiavonavao noho ty fialona anay ty fonao ao; fa niavy nijotso atoy iha mba hahita ty aly."²⁹Hoasa i Davida : " Nanao ino va zaho? va tsy fanontania avao va zay? " ³⁰Niala taminy teo nandeha amy hafa ie, le nivola manahaky zay avao. Le namaly manahaky zay avao ty olo.³¹Lafa nire ty safa ze nivolanin'i Davida rey, le nanampoly anizay tamy Saoly azy miaramila rey, le nampaniraky hoahy Davida ie. ³²Bakeo le hoasa i Davida tamy Saoly: " Tokony tsy hisy lahilahy ho kivy noho Filistina io ty fony; ty mpiasanao le handeha hialy amy Filistina io." ³³Hoasa i Saoly tammy Davida: " Tsy afaky handeha hanohitsy an'i Filistina io sady hialy aminy iha; safe iha mbo pamaraky, ie le lahilahy mialy nanomboky tamy naha pamaraky azy."³⁴Fa hoasa i Davida tamy i Saoly: "Fa zatsy niamby ty aondry ty babany lako ty mpanomponao. lafa avy mangalaky anakaondry amy ty aondry lako ty liona noho ty bera, ³⁵le nagnia anizay noho namono anizay zaho, sady nanavotsy anizay baka ambavany ao. Lafa nitsanga hanohitsy ahy nie, le niazoko tamy ty vaokiny, nivangoako ie , le nimatiko. ³⁶Nahafaty liona noho bera ty mpanomponao. Le azy Filistina tsy misavatsy io le hanahaky ty raiky amy rey, safe

minehaneha amy ty miaramila i Ndranahare velo ie.³⁷ Hoasa i Davida: "Nanavotsy ahy tamy tombo ty liona noho ty tombo ty bera Yaveh. Hanavotsy ahy amy tana Filistina io Ie.;; Le hoasa i Saoly tamy Davida: " Mandina,le hiaro anao lahy Yaveh." ³⁸Nampisikiny Saoly tamy siky fialiany i Davida. Napitiny tamy lohany ty satroky fiarovan-doha saba, sady nampisikininy siky fiarova tratra ie.³⁹Namehy ty mesobeny tamy siky fialiany i Davida. fa tsy afaky namindra ie safe mbo tsy nampianary tamy rey. Le hoasa i Davida tamy Saoly: " Tsy afaky hiboaky hialy miaraky amy retia zaho, safe mbo tsy nampianary tamy retia." Le napota i Davida rey. ⁴⁰Nala tan-tanany teny ty kobainy sady nitingy vato madoso limy baka amy ty tany malemy y riake ie; le nengany tamy kitapony fiambena aondryny rey. Tan-tanany teny ty pilisty lafa nagnato Filistina ie.⁴¹Niavy sady nagnanto an'i Davida azy Filistina iny, le talohany teo ty mpanday ty fialiany. ⁴²Lafa nagnety ty kila olo le nahita an'i Davida azy Filistina iny, le tsy nampisy dikany azy, safe mbo aja ie, mena volo, sady tovolahy. ⁴³Le hoasa Filistina rey tamy Davida: " Alike va zaho,ro niavy miaraky amy kobay amiko eto iha?,"sady nanzao an'i Davida tamy ndrnahareny rey azy Filistina iny.⁴⁴Le hoasa Filistina iny tamy Davida: " Mandina amiko etoa, le homeako ty voro an-danitsy eny noho hoahy ty biby ly am-baibo any ty nofitsinao." ⁴⁵Namaly azy Filistina iny hozao i Davida: " Avy amiko eto miaraky amy mesobe sady lefo iha. Fa zaho avy aminao amy anara Yaveh tompoa ty lako, azy Ndranahary ty miaramila Israely, ze nitaominao. ⁴⁶Andraony le hanome ahy ty fandreseana anao Yaveh, le hamono anao zaho sady hagnafaky ty lohanao amy ty vatanao. Androany le hanome azy miaramila Filistina iny hoahy voro an-danitsy noho hoahy biby ly antany etoy zaho, mba hahaiza ty tany iaby fa misy Ndranahare a Israely ao, ⁴⁷sady hahaiza ty azy vory iaby rey fa Yaveh le tsy manome ty fandreseana amy mesobe ndra lefo.fahin'Yaveh ty aly, ka hanesy anareo an-tanany eo Ie."⁴⁸Lafa nitsanga noho nagnato ahy Davida azy Filistina iny, nilomay mare nandeha amy miaramila fahavalo i Davida mba hitsena azy. ⁴⁹Nampiliriny tanany ty kitapo ao ty tanany, nangalaky vato bakao ie, nalefany tamy pilitsy zay, le nahavoa any azy Filistina iny tamy ty handriny teo. Nilentiky tamy handry Filistina azy vato iny, le niravoky tamy ty vatany tamy tany teo zay.⁵⁰Resy Davida tamy ty pilitsy noho vato azy Filistina iny. Voany azy Filistina iny le nimatiny. Tsy nisy mesobe tan-tana i Davida. ⁵¹Bakeo le nilomay i Davida le nitsannga tanabo Filistina teo noho nangalaky ty mesobeny, nampiboaky anizay baka amy ty tranony , namono azy, sady nanapaky ty lohany tamy zay. Lafa nihita Filistina fa maty azy lahilahy matanjakan-drozy iny, le nilay ndrozy.⁵²Bakeo le nitsanga noho nikoraky azy lahilahin'Israely noho Joda rey, le nagnia Filistina rey zisiky amy ty baibo noho azy vavahady tiahy Ekrona rey. Azy Filistina maty rey le nandry tamy lala mba Samaria any, noho lala iaby mandeha a gata noho Ekrona any. ⁵³Nimpoly baka amy nagnia Filistina rey ty olon'Israely, sady nandrava ty tobindrozy. ⁵⁴Nala i Davida azy lohan'i Filistina iny le nandesiny ta jerosalema zay, fa ty siky fialiany le nengany tamy lainy tao.⁵⁵Lafa nahita an'i Davida niboaky nanohitsy an'i Filistina i Saoly, le hoasany tamy Abnera, kapiteny ty miaramila: Ry Abnera, anakinia lahilahy io? " Le hoasa Abnera: "Laha mbo velo avao iha, lahy mpanjaka, le tsy haiko" ⁵⁶Nivola hozao ty mpanjaka: " Anontanio ze mety mahay, hoe anakinia lahilahy io."⁵⁷Lafa nimpoly baka amy ty famonoa azy Filistina iny i Davida, le nala i Abnera ie, le nanday azy tanatreha i Saoly niaraky tamy loha azy Filistina iny tan-tanany teny. ⁵⁸Hoasa i Saoly taminy: " Mpamaraky, anakinia lahy iha?" Namaly hozao i Davida: " Anaky Jese Betlehema mpanomponao zaho."

Chapter 18

¹Lafa avy niresaky tamy saoly ie, le nifamehy tamy fanahy Davida ty fanahy Jonatana, le nitea Jonatana manahaky ty fanahiny avao ie. ²Nala Saoly ho amy fanompoa azy i Davida tamy andro io; tsy nengany himpoly amy ty trano ty babany ie. ³Bakeo i Jonatana noh Davida nanao fanenkea finama safe nitea i Jonatana manahaky ty fanahiny avao ie. ⁴Namotaky ty sikiny lava zay nisikinany i Jonatana sady nanome anizay an'i Davida niaraky tamy fiarovany, ty mesobeny, ty kititsiny, le ty fehin-baniany. ⁵Le nandeha amy ze toera naniraha Saoly azy i Davida, le nandresy ie. Nenga i Saoly tamy lahilahin'aly ie. nankasitraha tamy maso ty kila olo iaby zay sady ta imaso ty mpanompo i Saoly avao koa. ⁶Lafa nandeha noly baka nandresy azy Filistina rey ndrozy, le niavy tamy tana Israely iaby ty ampela rey, nihira noho nitsinjaky, mba hitsena any Saoly mpanjaka, niaraky tamy aponga tapaky, hafalea, sady raha maneno. ⁷Nifandimbby nihira ampela rey lafa ndrozy nihisa rey. Nihira hozao ndrozy: "Novonoa i Saoly azy anarivo rey, le ahy Davida koa ty analiny rey." ⁸Nimeloky mare i Saoly, le tsy nahafaly azy zay hira zay. Hozao tiasany: "Fa nanome analiny hoahy Davida ndrozy, fe anarivo avao ty nameandrozy ahy. Ino avao koa ro afaky hananany laha tsy ty fitondram-panjaka?" ⁹Nagnenty an'i Davida tamy fisalasala i Saoly nanomboky tamy andro io. ¹⁰Tamy andro manaraky e nisy fanahy nampilisty loza baka amy Ndranahare nijotso tamy saoly tao sady nirengirengy tan-tranony tao ine. Lafa zay le nihisa raha maneno manahaky ty fanaony saky sanandro i Davida. Le nana lefo tan-tanany teny i Saoly. ¹¹Natoraky Saoly lefo iny, safe nieritseritsy hozao ie: "Ho tsobohiko ho amy rindry eo i Davida." Kanefa in-droa tafiala t fanatreha i saoly tamy zay fomba zay i Davida. ¹²Navaka an'i Davida i Saoly, safe niaro azy Yaveh, fa tsy niaro an'i Saoly sasy. ¹³Le nala i saoly tamy fanatrehany ie le nitingininy ho mpifehy ty arivo. Zay ty fomba niboaha i Davida noho nandinany taloha ty olo. ¹⁴Narova tamy lalany iaby i Davida, safe Yaveh niaro azy. ¹⁵Lafa nihita i saoly fa notaha ine, le nitseiky taminizay ie. ¹⁶Fa tea an'i Davida ty Israely iaby noho Joda, safe niboaky ie nandeha talohandrozy rey teo. ¹⁷Le hoasa i Saoly tamy Davida: "Toy i Meraba anakampelako talanolo mare. Hameako anao ho valy ie. Fa mna aherim-po ho tiahy sady mialia ty alin'Yaveh." Fa nieritseritsy hozao i Saoly: "Ka enga aminy eo ty tanako, fa engao ty tana Filistina rey ro aminy eo." ¹⁸Hozao tiasa i Davida tamy Saoly: "Ia va zaho, sady a moa ty longoko, ndra ty longo ty babako a Israely any, ro tokony ho vinanto lahy ty mpanjaka zaho?" ¹⁹Fa tamy fotoa tokony nanomeza i Meraba, anakampela i Saoly ho ahy Davida, le namea an'i Adriela Meholatita ho valy ie. ²⁰Kanefa i Mikala, anakampela i saoly, le tea an'i Davida. Nivola tamy Saoly ndrozy, sady nahafaly azy zay. ²¹Bekeo i Saoly nieritseritsy manao hozao: "Hameako azy ie, mba ho fandrika ho tiahy, sady mmba hanohitsy azy ty tana ty Filistina rey." Le nivola fanindroa an'i Davida ndraiky i Saoly hoe: "Ho vinanto lahiko iha." ²²Nandidy azy mpanompony rey i Saoly manao hozao: "Mivolana manoka amy Davida, sady volano hozao: 'Ingo, mankasitraky anao ty mpanjaka, sady tea anao ty mpanompony iaby rey. Le henanizao, mba manenkea ho vinanto lahy ty mpanjaka.'" ²³Le nivola safa rey tamy Davida ty mpanompo i Saoly. Bakeo nivola hozao i Davida: "Raha kely ho ahinao va ty ho vinanto ty mpanjaka, safe zaho olo mijale, sady tsy ampisia dikany?" ²⁴Nitatisty ty safa ze nivolan'i Davida azy mpanompo i Saoly rey. ²⁵Le hozao tiasa i saoly: "Volano an'i Davida zao: 'Tsy maniry fandeo ty mpanjaka, fa lohan-tsisy zato ahy Filistina rey avao, mba hamalia faty ty fahavalo ty mpanjaka.'" Le i Saoly nieritseritsy ty hahafaty an'i Davida tamy tana Filistina rey. ²⁶Lafa nivola safa rey tamy Davida rey ty mpanompony, le nahafaly an'i Davida ty ho vinanto ty mpanjaka. ²⁷Taloha naha lasa any azy andro rey le nandeha niaraky tamy olony rey i Davida le namono Filistina roen-jato. Nandesy i Davida ty lohan-tsisindrozy, le nameandrozy hoahy mpanjaka iaby rey, mpa hanjary ho vinano ty mpanjaka ie. Le namea saoly azy ho valy i Mikala anakampelany. ²⁸Lafa nihita i Saoly, noho hany fa tahia yaveh i Davida, le i Mikala anakampela i Saoly, le tea azy, ²⁹le navaka mare i saoly. le fahavalo i Davida avao i Saoly. ³⁰Bakeo azy mpanjaka Filistina rey niboaky hialy, le arakaraky ty iboahandrozy tsikanikany, ro nandresea i Davida lakolako tany azy mpiasa i Saoly rey iaby, le nisondrotsy anabo ty anarany.

Chapter 19

¹Le nivola tamy Jonatana anakilahiny i Saoly noho tamy mpanompony rey mba hamonoandrozy an'i Davida. Kanefa i Jonatana, anaky Saoly, le tea an'i Davida mare. ²Le hoasa i Jonatana tamy Davida: "Ila i babako ho vonoa iha. Lafa zay le miambena ammy maray sady mivonia amy toera mangingiky. ³Zaho hiboaky hitsanga anila i babako eo amy baibo ze misy anao, sady hivola ty mikasiky anao amy babako zaho. laha mahay raha zaho, le hambarako anao." ⁴Nivola soa ty mikasiky an'i Davida tamy Saoly babany i Jonatana le hozao tiasany: "Tokony tsy hanota amy Davida mpanompony ty mpanjaka. Fa tsy nanota taminao ie, sady nanday raha soa ho ahinao azy asany rey. ⁵Fa ie fa nanao ty vatany ho soro le namono azy Filistina iny. Yaveh fa nanday fandreseha bevata hoahy Israely iaby. Nahita anizay iha le nifaly. Nanino no nanota hanaboka ty lahilahy tsy misy hakeo amy famonoa an'i Davida tsy manino tsy manino iha?" ⁶Nijanjy an'i Jonatana i Saoly. Le nifanta hozao: "Laha mbo velo Yaveh, le tsy ho vonoa ie." ⁷Le nikaika an'i Davida i Jonatana, le nambarany amy Davida iaby ze kila raha iaby zay. Nandesy Jonatana tamy Saoly i Davida, le tamy fanatreha manahaky tamy taloha avao ndraiky ie. ⁸Le nisy aly ndraiky, le niboaky hialy amy Filistina i Davida le nandresy androzy tamy famonoa bavata. Le nilay talohany teo ndrozy. ⁹Niavy tamy Saoly ndraiky ty fanahy raty baka amy Yaveh laha mbo nipetraky tantranony niaraky tamy lefony tan-tananany teny ie, ka lafa nititiky raha maneno iny Davida. ¹⁰Le nanandra nikinia an'i Davida tamy rindry teo tamy lefony i Saoly, fe nilay ty fanatreha i Saoly ie, le nisondrohany Saoly tamy rindry teo ty lefo ny. Nilay i Davida le afaky nilay tamy haly iny. ¹¹Nandefa iraky tan-tranony tany i Davida mba hagnety azy mba hahaizany hamono an'i Saoly lafa maray. Mikala, valin'i Davida, nivola azy hozao: "Laha tsy mamonjy ty ainao amy haly zao iha, le ho vonoa iha lafa hamaray." ¹²Nenga i Mikala hijotso tamy la fenety teo i Davida. Le nandeha nilay ie, le afaky nilay. ¹³Nangalaky sampy tamy tranon'i Mikala ao ie le nanenga anizay tan-kitrely teo. Le nangalaky onda volo n'aosy ie le nengany tamy lohany teo, le nilongofany siky zay. ¹⁴Laha nandefa iraky mba hangalaky an'i Davida i Saoly, le hozao tiasany: "' Marary ie." ¹⁵Le nandefa iraky mba hagnety an'i Davida ndraiky i Saoly, le hoasany: " Andeso manganiky amiko atoy amy fandria ie, mba hahaizako mamono azy." ¹⁶Lafa nilitsy teo ty iraky, ingo ty sampy ze tan-tranony tao ro tan-kitrely teo miaraky amy ty onda volon'aosy tamy ty lohany. ¹⁷Le hoasa i Saoly tamy Mikala: "Manino iha ro mamerivery ahy le nanenga ty fahavaloko nandeha, le afaky nilay ie?" Mikala namaly an'i Saoly hozao: "Hoasany tamiko, 'Engaho zaho handeha. Nanino zaho ro hamono anao?" ¹⁸Le nilay noho afaky nilomay Davida, le nandeha amy Samoela a Rama any le nivola aminy ty kila raha iaby ze nanovy Saoly taminy. Le nandeha ie noho Samoela le nipetraky ta Naiota tany. ¹⁹Nisy nanambara tamy Saoly zay, manao hozao: " Ingo, a Naiota a Rama any i Davida." ²⁰Le nandefa iraky hisambotsy an'i Davida i Saoly. Lafa nahita ty nama ty mpaminany naminany ndrozy, le nitsanga ho be ndrozy i Samoela, ty fanahin-Dranahary NIAVY TAMY IRAKY Saoly, le naminany koa ndrozy. ²¹Lafa nivola anizay i Saoly, le nandefa iraky hafa ie, le naminany avao koa ndrozy. Le nandefa iraky fanin-telo ndraiky i Saoly, le naminany avao koa ndrozy. ²²Le nandeha ta Rama avao koa ie le niavy tamy vovon-drano ta Seko tao. Nanontany hozao ie: " Aia i Samoela noho i Davida?" Nisy olo nivola hozao: " Ingo, a Naiota a Rama ao ndrozy." ²³Nandeha ta Naiota ta Rama any Saoly. Le niavy tamy avao koa ty fanahy Yaveh, le naminany tam-pandehana teny zisiky hiaviany ta Naiota ta Rama tany ie. ²⁴Nagnafaky ty sikiny ie le naminany tanatreha i Samoela teo. Nihalo zisisky tamy atoandro noho haly iaby ie. Zay ty antony nanontaniandrozy hozao: " Anay ty mpaminany avao koa va i Saoly?"

Chapter 20

¹Le nilay baka a Naiota ta Rama tany i Davida le nandeha tany Jonatana tany le nanao hozao: " Fa ino ro nanoviko? Ino ty fahadisoako? Ino ty fahotako tanatreha babanao, ro mikinia hanafaky ty aiko ie" ²Hoasa i Jonatana tany Davida: "Sanatria zay lahy; tsy ho maty iha. Tsy manao raha ndra bevata ndra kely le tsy mivola anizay amiko ty babako. Nanino ty babako ro hamony raha zay amiko? Tsy zay mihintsy." ³Le nifanta hozao ndraiky i Davida: " Hay ty babanao soa fa nahita sitraky tamasonao teo zaho. Fa nivola hozao ie: 'Ka enga ho hay Jonatana zao, safe hiferinay ie.'fe laha vatany velo Yaveh, sady laha mbo velo avao koa iha, le kely avao ty elenela amiko noho ty fahafatesa." ⁴Le hoasa i Jonatana tany Davida : " Ndra ino ndra ino ty volaninao, le hanoviko ho ahinao." ⁵Hoasa Davida tany Jonatana: " Lafa hamaray ty voaloham-bola, le tokony hipetraky hiara hihina amy mpanjaka zaho, fe engaho zaho handeha, mba hivony ambaiho an'zisy hahariva ty andro fahatelo." ⁶Laha mahatiaro ahy babanao, le anovo hozao: 'Nanao fieria mare tamiko i Davida mba hamonjy an'i Betlehema tanany; safe fa marikitsy ty soro san-tao hoahy ty longony iaby any.' ⁷Laha hozao tiasany: 'Soa zay,le hanam-piadana ty mpanomponao. Fa laha meloky mare ie, le fantaro fa nanapa-kevitsy hanao raty ie.' ⁸Lafa zayle mifanaraha soa amy mpiasanao. Fa efa nanday ty mpanomponao ho amy fanenkea Yaveh niarakany taminao iha. Fe laha misy fahota amiko, le iha ro mamono ahy; ka manino zaho ro hadesinao amy babanao any? " ⁹Hoasa i Jonatana: "Sanatria aminao zay lahy! Laha nahay zaho fa nanapa-kevitsy hanao raty anao ty babak, le tsy hivola aminao va zaho?" ¹⁰Le hoasa i Davida tany Jonatana: "Ia ty hivola amiko laha sanatria mamaly anao amy ty safa mare ty babanao?" ¹¹Hozao tiasa i Jonatana tany Davida: "Ndao, ndao tsika hiboaky am-baibo any." ¹²Le niboaky tam-baibo ndrozy roe lahy. ¹³Hoasa i Jonatana tany Davida: "Yaveh, Ndranahare Israely lahy ro ho vavolombelo. Lafa baka nagnato any babako zaho hamaray amy lera manahaky zao, ndra amy faha telo andro, henteo , laha misy raha soa hoahy Davida, va tsy haniraky aminao any noho hampahay anao va zaho? " ¹⁴Laha mahafaly any babako ty hanao raty anao, Yaveh lahy ty hanao zay amy Jonatana le handilatsy aza laha tsy nampahay anizay aminao noho mampandefa anao zaho, mba handinao ampiadana. Yaveh lahy hiaro anao. Hiaro anao lahy Yaveh, manahaky ty fa nitahiany any babako. ¹⁵Fa laha mbo velo avao koa zaho, va tsy hampitolo ahy ty tsy fivaliham-panenkea Yaveh va zaho, mba tsy ho maty zaho? " ¹⁶Ka manampaky ty tsy fivaliham-panenkeanao hiala amy ty longoko mandrakizay--- ndra horava Yaveh amy tany eo aza ty fahavalo Davida iaby." ¹⁷Le nanao fanenkea tany longo Davida i Jonatana le nanao hozao: " Yaveh lahy hitaky ty takalo amy tana ty fahavalon'i Davida rey." ¹⁸Nampifanta any Davida ndraiky i Jonatana noho ty fitiavany azy, safe tea azy manahaky ty fiteavany ty fanahiny avao ie. ¹⁹Le hoasa i Jonatana taminy: "Hamaray ty veloham-bola. Ho tiarova iha safe fona ty sezanao. ²⁰Lafa miegny telo andro iha, le mijotsoa malaky le mandina amy ty toera ze hivoniana lafa aampelatana ty raharaha, sady miembena anila ty lafiambato Ezela." ²¹Handefa anakititsy telo amizay eo zaho, manahaky mitifitsy raha tira. ²²Le hampaniraky ty mpamarakiko zaho le hivola aminy manao hozao: ' Ndao ilao azy bala kititsiko rey.' Laha mivola amy mpamaraky manao hozao zaho: " Ingo, toy anilanao toy azy bala kititsinao rey," alao retia," le miavia; fa hisy fiarova azy tsy hisy raty ho ahinao, laha mbo velo avao Yaveh. ²³"Fe laha mivola amy mpamaraky manao hozao: 'Ingo, afara ao ty bala ty kitsiny,' le mandina amy lalanao, fa efa nandefa anao Yaveh. ²⁴Laha amy fifanaraha ze fa nifampiresahantsika, ingo, anivotsika mandrakizay Yaveh." ²⁵Le nnivony tam-baibo Davida. lafa niavy ty veloham-bola, le nipetraky nhina hany mpanjaka. ²⁶Nipetraky tany siezany teo ty mpanjaka, manahaky ty mahazatsy , tany seza anila ty rindry. Nitsanga i Jonatana, le Abnera nipetraky tanila Saoly. Fe tsy fofa ty seza Davida. ²⁷Tsy mbo nivola ndra ino ndra ino i Saoly tany andro indro, safe nieritseritsy hozao ie: " Nisy raha nahazo azy. Tsy malio ie; le vatany inoa fa tsy malio ie." ²⁸Fa tany ty fahareo ty andro kosa, ty hamaray ty veloham-bola, le fofa ty seza i Davida. Hoasa Saoly tany Jonatana anakilahiny: " Nanino ro tsy niavy tany fisakafoana ty anakilahin'i Jese ndra tany maly ndra tany androany?" ²⁹Namaly any Saoly manao hozao Jonatana: "nangataka alala mare tamiko mba handeha a Betlehema i Davida." ³⁰Hozao tiasany: ' Mba engaho zaho lahy handeha. Fa ty longonay mana soro an-tana ao, sady ty rahalahiko nandidy ahy ho any. Henanizao, lafa nahita sitraky tamasonao teo zaho, le mba engaho zaho lahy handeha mba hagnety rahalahiko rey.' Zay ty antony tsy niaviany tan-databo ty mpanjaka. ³¹Le nimeloky tany Jonatana i saoly, le hozao tiasany aminy: " Iha ty anakilahy ty mpamadiky, ampela mpanaboka! Va tsy mahay zaho fa efa nitingy ty anakilahy Jese ho famenara ho ahinao, noho ho fahamenara ty fihaloa ty reninao iha? " ³²Fa laha mbo miay an-tany eta ty anakilahy Jese, le tsy ho tafa petraky ndra iha ndra ty fanjakanao. Le henanizao, ampandinao sady andeso amiko atoy ie, fa tsy maintsy ho maty vatany ie." ³³Namaly hozao any Saoly babany i Jonatana: " Fa ino ty antony tokony hamonoanao azy? Ino ty nanoviny?" ³⁴Le natora i saoly ty lefony taminy mba hamono azy. Le nihay Joanatana fa tapa-kevitsy hamono any Davida ty babany. ³⁵Niongaky niala tamin-keloky tany latabo teo sady tsy nihina hany i Jonatanaty andro faharoe ty vola, fa nahaferinay any Davita ie, safe nanafa-baraka azy ty babany. ³⁶Lafa maray, niboaky nandeha

an-baibo tany fotoa voatingy niaraky Davida i Jonatana, noho ty mpamaraky noaraky taminy. ³⁶Hoasany tany azy mpamaraky iny: " Milaisa le ilao azy baka kititsy ze nitifiriko rey." Lafa nilay azy mpamaraky iny, le nitifiriny ana kititsy tafarany tao. ³⁷Lafa niavy tany toera ze nitsatoha ty balan-kititsy nalefa i Jonatana ay mpamaraky iny, le nikaiky azy mpamaraky iny Jonatana bakeo, le nanao hozao: " Va tsy afaranao ao va ty balan-kititsy?"³⁸ nikaiky azy mpamaraky iny i Jonatana le nanao hozao: " Mandinà, malaky, ka miegny! Le azy mpamaraky Jonatana iny namory anan-kititsy niakatsy le nandeha amy ty tompony. ³⁹Fe tsy nahay ndra ino ndra ino azy mpamaraky iny. Jonatana noho Davida avao ro nahay ty raharaha. ⁴⁰Namea i Jonatana azy mpamarakiny iny azy fitaova mpialia le hozao tiasany aminy: "Mnandina, andeso an-tany any rey."⁴¹Laha vo nandeha azy mpamaraky iny, le nitsanga baka ambaliky ty dongo-tany i Davida, nandohaliky tany tany teo le niondriky in-telo. Nifanoroka noho niaraky nitany ndrozy, le Davida nitany mare. ⁴²Hoasa i Jonatana tany Davida: " Mandina ampiadana, safe fa samby nifanta tany anara Yaveh tsika sady nanao hozao: " Yaveh ho anivontsika eo lahy, sady ho anivo ty tarihako noho tarihanao mandrakizay." Le nitsanga i Davida le nandeha, fa i Jonatana kosa ro nimpoly tan-tana tany.

Chapter 21

¹Le niavy ta Noba tao i Davida mba hagnenty an'i Ameleka mpisoro. Niavy mba hitsena any Davida tamy fangitikitiha i Ahimeleka sady nivola hozao taminy: " Nanino iha ro nandeha raiky sady tsy misy nanoriky anao? "

²Hozao hoasa i Davida tamy Ahimeleka mpisoro: " Nandefa ahy hantanteraky iraky ty mpanjaka sady nivola hozao tamiko: " Ka enga hisy hahay ndra ino ndra ino ty raharaha anirahako anao, noho ze andidiankoa anao. ' Nanoo lala azy mpamaraky rey amy toera raiky any zaho.³Le ino ty an-tananao zao? Aмео mofo limy zaho, ndra ze raha iaby misy ato." ⁴Namaly any Davida azy mpisoro iny le nanao hozao: " Tsy misy mofotsotra an-tanako eto, fe misy mofo masy--- laha nahatandry vata tamy ampela azy mapamaraky rey."⁵Namaly azy mpisoro iny manao hozao Davida: "Le vatany nahanjaka ty vatanay tamy ampela zahay tanay ty telo andro lasa zay, manahaky ty fanao saky miongaky rey zaho. Fa natokaazy fanagna lehilahy rey ndra ho amy ty iraky tsotra aza. Sandrakyaza natoka ty hanandrozy rey henanizao!" ⁶Le nanome azy ty mofo ze natoka azy mpisoro iny. Fa tsy nisy mofo hafa tsy mofo fanatreha moatao, ze fa nakla tanatreha Yaveh, mba hanenga mofo vaovao amy toera nizay tamy andro nangala anizay.⁷Le raiky tamy mpiasa Saoly rey tamy zay andro zay le notanjaha tanatreha Yaveh teo. Doega Edomita ty anarany, be ty mpiaraky aomby Saoly.⁸Le hoasa i Davida tamy Ahimelekahe: "TSy misy lefo na mesobe azo ampiasa va an-tananao eo? Fa tsy nahavofinday mihintsy zaho ndr ty mesobe ndra ty fitaovam-pialiako, safe le vatany haiko ty raharaha ty mpanjaka."⁹ Hozao tiasa azy mpisoro iny: " Mesobe i Goliata azy Filistina iny, ze nivonoanao tamy lohasam-baibo i Elaha, ze milomboky lamba ambaliky efoda ro ato. Laha teanao ala zay, le alao, fa tsy misy fitaovam-pialia hafa ato." Hozao tiasa Davida: " Tsy misy mesobe manahaky zay raky zay; omeo ahy zay."¹⁰Le nitsanga i Davida le nilay an'i Saoly tamy zay andro zay le nandeha amy Akisa any, mpanjaka i Gata.¹¹ Azy mpanompo Akisa nivola hozao taminy: " Tsy Davida, azy mpanjaka ty tany va toy? Tsy toy va azy nifampihirahandrozy tamy tsinjaky hozao: 'Saoly namono anarivo, le i Davida namono amy nagnaly?'"¹²Norambesy i Davida agnay azy safa zay le navaka amare an'i Akisa, mpanjaka i Gata ie. ¹³Nanova ty fihetsiny tanatrehan-drozy i le nanao kisasy tsy mahihitsy tan-tanan-drozy rey teo; nanoratsoratsy tamy lelam-baravara teo ie sady nengany hiaraky tamy somotsy teo ty iviny.¹⁴Le bakeo hoasa i Akisa tamy mpanompony rey: " Ingo, hitanareo fa gegy azy lahilahy iny. nanino nandesinareo amiko etoa ie? ¹⁵Tsy ampy olo gegy va zaho, ro le nandesinareo amiko eto io mba hanao fihetsiky manahaky zao anatrehako eto? Hilisty an-tranoko aovatany va nareo io?"

Chapter 22

¹Le niala tany Davida le nilay tan-dava-bato i Adolama. Laha nahare anizay azy rahalahany noho ty longo babany iaby, le nijotso tamindrpozry rey tany. ²Ty olo oaby ze tanay ty fijalea, sady ty olo iaby ze tsy faly--- ndrozy iaby le nivory taminy tao. Nanjary kapiteny mpiamby tamindrozy rey tao i Davida. Nisy lahilahy efa-jato vasa ro niaraky taminy.³Le niala ho amy Mizpa a Moaba ao Davida. Hozao hoasany tamy mpanjaka Moaba: " Mba mangataka lahy engaho ty babako noho ty reniko hiboaky hiaraky aminao zisiky hahazako ze nanovin-Dranahare ho tiahy."

⁴Nengany niaraky tamy mpanjaka Moaba ndrozy. Ty babany noho ty reniny nipetraky niaraky taminy tamy fotoa iaby naha tamy fiarova mare any Davida. ⁵Le i Gada mpaminany nivola tamy Davida manao hozao: "Ka miegny amy fiarova mare . Miongaha sady mandina amy tany Joda any."Le niala tao i Davida le nandeha tamy ala i Hareta.⁶Nire i Saoly fa hita niaraky tamy lahilahy ze niaraky tamy davida rey. Le nipetraky ta Gibeata tambany hazo tamariska ta rama tao i saoly, niaraky tamy lefo tan-tanany teny, say ty mpanompony iaby nitsanga nihodidy azy.⁷Hoasa Saoly rey tamy mpanomponynitsanga mihodidy azy: " Janjino zao, lahy ty olo i Benjamina, vasa hanome baiho noho tanim-boaloboky hoahy kirakiraiky baka aminareo iaby ho kapiteny ty miaramila anaraivo noho an-jatony ie, ⁸ho takalo ty hevitsinareo iaby hanohera ahy? Tsy nisy taminareo nampahay ahy lafa nanao fanenkea tamy anakilahin'i Jese ty anakilahiko. Tsy nisy taminrey niferinay ahy. Tsy nisy tamirey nampahay ahy fa ty anakilahiko le namporisiha Davida mpanompoko hanohitsy ahy. Henany io le mivony noho miamby ahy ie sady mety hanafiky ahy."⁹Le i Doega Edomita , ze nitsanga tamy mpanompo i Saoly, namaly hozao: " Hitako nandeha a Noba any ty anakiahy Jesem tamy Ahi meleka anakilahy Ahitoba. ¹⁰Nivavaky tamy Yaveh ie , sady nameany azy ty vatia noho mesobe i Goliata Filistina."¹¹Le naniraky olo ty mpanjaka mba hampikaiky an'i Ahimeleka mpisoro anakilahy Ahitoba noho ty longo ty babany iaby, azy mpisoro iaby ze ta Noba tao. Ndrppozry iaby rey le niavy tamy mpanjaka. ¹²Hozao tiasa i Saoly: " Janjino moa, iha anakilahy Ahitoba." Le namaly hozao ie: " Ntoy zaho, tompoko." ¹³Le hoasa i Saoly taminy: " Nanino iha ro nihevitsy hanohitsy ahy, iha noho ty anakilahy Jese, tamy nanomezanao azy mofo, mba hitsanganany hanohitsy ahy, mba hivony amy ty tako, manahaky ze nanoviny androany zao? "¹⁴Le i Ahimeleka namaly ty mpanjaka le nanao hozao: " Ia tamy mpiasanao iaby moa ro natoky mare manahaky Davida, ze vinantolahy ty mpanjaka ro sady mpiamby anao avao koa, sady omea voninahitsy an-tranonao ao? "¹⁵Androany va ro fotoa velohany nivavahako tamy Ndranahare mba hanampeany azy? Sanatria amiko lahy zay! Ka manenga ty mpanjakanao hanisy ndra ino ndra ino amy mpanompony ndra amy ty longo ty babako iaby. Fa ty mpanomponao le tsy mahay ndra ino ndra ino amy kila raha iaby zao."¹⁶Namaly nanao hozao ty mpanjaka: " Tsy maintsy ho maty vatany iha, lahy Ahimeleka, iha noho ty longo ty babanao iaby." ¹⁷Le nivola tamy mpiamby nitsanga mihodidy azy ty mpanjaka nanao hozao: " Mitoliha sady vono ty mpisoro Yaveh rey. Safe ty tanandrozy avao koa le miaraky amy Davida, safe nahay ndrozy fa nilay ie, Kanefa tsy nivola anizay tamiko. Fa azy mpanompo mpanjaka rey nefa tsy te hanampatsy ty tanany azy mpisoro Yaveh rey.¹⁸Le nivola hozao tamy Doega ty mpajaka: " Mitoliha sady vono mpisoro rey. Le nitoliky noho namango azy mpisoro i Doega Edomita rey. namono olo roapolo limy amby ze nisiky efoda rongony foty tamy zay andro zay ie. ¹⁹Tamy lela esobe, ro nanafihany an'i Noba, tana mpisoro rey, ndra lahilahy ndra ampela, ndra aja ndra anakaja, sady aomby rey noho apondra noho aondry. Namono androzy iaby tamy mesobe ie."²⁰Fa tamy azy anakilahy Ahimeleka anakilahy Ahitoba, nakaiha hoe Abiatarata, nilay sady nilomay nanoriky an'i Davida. ²¹Le Abiatarata nivola tamy Davida fa novoa i Saoly azy mpisoo Yaveh rey.²²Hozao tiasa i Davida tamy Abiatarata: " haiko tamy andro iny, fa laha tao i Doego azy Edomita iny, le tsy maintsy nvola tamy saoly ie. Zaho ro traha draha tamy fahafatesa iaby tamy ty longo i babanao! "²³Miegnena miaraky amiko sady ka mavaka . Fa ty olo ze mamono ty ainao le mamono ty ahy avao koa. Ho voaro miaraky amiko iha."

Chapter 24

¹Lafa nimpoly baka nangia any Filistina rey i Saoly, le nivola taminy hozao: " An-nefitsy En-jedy any Davida."

²Bakeo Saoly nangalaky lahilahy telo arivo votingy baka Israely iaby le nila any Davida noho lahilahy tamy lafiam-bato Osi-dia rey.³Nandeha tamy valan'aondry tan-dala teny ie, ze nisy aosy lavaky raiky. Nilitsy tao mba hanao maloto i Saoly. Le Davida noho pamaraky rey nipetraky lavitsy tafara tamy lavaka. ⁴Hozao tiasa pamaraky Davida rey taminy: "Toy ty andro ze nivolanin'Yaveh lafa nivola taminao hozao Ie: 'Hasesiko an-pela tananao azy fahavalonao rey, mba hananovanao ze teanao hanovy aminy.'" Bakeo nitsanga Davida le nilaly moramora nagnaloha le nanapaky ty joron-tsiky lava i Saoly.⁵Lafa afaka zay le nampijaly azy ty ay Davida safe nanapaky ty joron-tsiky i Saoly ie. ⁶Hozao tiasany tamy rahalahany rey: "Yaveh lahy handrara ty hananaovako raha zao amy tompoko, azy voahosotry Yaveh, le ty hanamparako ty tanako aminy, laha mahita fa nohosora Yaveh ie." ⁷Le nivola mare any azy paarakiny rey tamy safa rey i Davida, sady tsy nanenga androzy hamango any Saoly. Nitsanga i Saoly, nanenga ty lavaky, le nimbamy lalany.⁸Lafa afaky zay, le nitsanga avao koa Davida, nanenga azy lavaky iny, le nikaiky hozao any Saoly: " Nao lahy mpanjaka tompoko."Lafa nagnety azy baka afara ao i Saoly, le nampandohaliky ty vatany tamy tany i Davida le nampitoro fanaja azy. ⁹Hozao tiasa i Davida tamy Saoly: " Nanino iha ro mijany ty lahilahy ze manao hozao: " Ingo, mila hanao raty anao i Davida?"¹⁰Henanizao hita ty masonao ty fomba hametraha Yaveh anao tam-pelan-tanako tamitsika tanay lavaka tao. Ty ilany nivola tamiko mba hamono anao, fa niferinay anao zaho. Hozao tiasako: 'Tsy hanampatsy ty tanako amy tompoko zaho; safe nohosora Yaveh ie.' ¹¹Ingo, lahy babako, henteo ty joron-tsiky lavanao am-pelatanako eo. Fa ty antony nanapahako ty joron-tsiky lavanao noho tsy namonoako anao, le mba ho hainao noho ho hitanao fa tsy misy raty ndra fivaliha an-tanako eto, sady tsy nanota taminao zaho, ndra mila ty aiko mba hamono ahy aza iha.¹²Yaveh lahy hitsara ahy noho iha, sady Yaveh lahy hammmaly faty ahy aminao, fa ty tanako le tsy tokony hanohitsy anao. ¹³Araky ty nivola ty fanohara i Ntaolo taloha manao hozao: "Baka amy raty fanahy ro hiavia ty faharatia.' Fa tsy hanohitsy anao ty tanako.¹⁴Ho ahinia va ty niboaha ty mpanjaka Israely? Ia va ty hindigninao? Aliko maty! Parasy! ¹⁵Yaveh lahy ho mpitsara noho hanome fitsara ahy noho iha, sady hagnenty aminizay, sady hisolo vava ahy sady hanenga ahy hiay amy ty tananao."¹⁶Lafa baka nivola safa rey tamy saoly i Davida, le hozao tiasa i Saoly: "Feonao va zao, lahy Davida anako?" Nanondrotsy ty feony i Saoly le nitany.¹⁷Hozao tiasany tamy Davida: " To vatany ty ahinao mandilatsy ahy. Safe namaly soa ahy iha, lafa namaly raty anao zaho. ¹⁸Nivolaninao henanizao ty fomba nananovanao soa tamiko, safe tsy namono ahy iha lafa nanovy Yaveh tan-tananao ty aiko.¹⁹Fa laha misy lahilahy mahita ty fahavalony, le handefa azy am-pitiava va ie? yaveh lahy hamaly soa ho ahinao amy ze nivitanao tamiko nandroany. ²⁰Henanio, haiko fa le ho vatany mpanjaka iha sady henga ho ampelatananao ty fanjaka Israely.²¹Mifanta amiko amy Yaveh fa tsy handrava ay tarihako mandimby ahy iha, sady tsy handrava ty anarako hiala amy ty tranon-drazako." ²²Lafa zay le nanao fifanta tamy Saoly i Davida. Bakeo i Saoly nandeha noly, fa i Davida noho lahilahiny rey koa nandeha nanganiky tamy fiarova mare tany.

Chapter 25

¹Le nimaty i Samoela. Niaraka nivavaky Israely iaby sady nisaona azy, le nalevindrozy tana-tranony ta Rama tany ie. Le niongaky davida le nijotso nandeha anefitsy Parana.²Nisy lahilahy raiky ta Maona tany, ze ta Karmela ty hanafany. Le vatany manan-kanagna azy lahilahy iny. Nana aondry telo arivo noho aosy roarivo ie.³Nisafo ty aondryny ta Karmela tany ie. Nabala ty anara azy lahilahy iny, le ty anara ty valiny le i Abigaila. Mahihitsy azy ampela iny sady ampela soa. Fa azy lahilany iny avoa masiaky sady raty tany ty fanandesany. tariha ty longo Kaleba ie.⁴Nire i Davida tanefitsy tany fa nisafo ty aondryny i nabala.⁵Le nandefa pamaraky folo ie. Le hoasa i Davida tany lahilahy rey: " Manganiha a karmela any, mandina amy nabala any, sady miaraba azy amy ty anarako. ⁶Volanonareo hoazao aminy: ' Miveloma anay ty fitahia. Fiadana lahy ho ahinao sady fiadana hoahy ty longonao, sady fiadana hoahy ze kila raha iaby ananao. ⁷Reko fa mana mpisafao lako iha. fa niaraky taminao ty mpiaraky aondrinao, sady tsy nanao raty androzy rey zahay, sady tsy nisy ndra ino ndra ino tsy ampy tamindrozy tany ndrozy mbo ta Karmela tany. ⁸Anontanio mpamarakinao rey, le ho volanindrozy aminao. Le engaho ty mpamarakiko hahita sitraky imasonao eo, fa tsy maintsy ho avy zahayamy andro fety. Mba omeo lahy ndra ino ndra ino ananao an-tananao hoahy mpanomponao rey sady hoahy davida anakilahinao." ⁹Lafa niavy ty mpamaraky davida rey, le nivolanindrozy tany Nabala ho ahy Davida iaby zay raha iaby zay, bakeo ndrozy nandigny. ¹⁰Namaly azy mpanompo i davida rey hozao i Nabala: "Ia moa Davida zao, sady ia ty nakilahy Jese zao? Nisy mpanompo lako ze nisa-dala tany tompondrozy rey tany zay andro zay. ¹¹Tokony nangalaky ty mofoko noho ty ranoko sady ty henako ze fa nivonoako ho amy ty mpiasako rey va zaho, le hanome anizay ho ahy olo zay tsy haiko mihintsy hoe baka aia?" ¹²Le nimpoly sady noly ty mpamaraky Davida, sady nivola ze raha iaby nivolaniny taminy. ¹³Le hoasa Davida tany olony rey: " Apitiho ty mesobe ty olo kiraikiraiky." Le namitiky ty mesobeniny ty olo kiraikiraiky. Le namitiky ty mesobeniny avao koa i Davida. Lahilahy vasa fa efa-jato teo ty nanoriky any Davida, le roanj-jato ro niegny tanika ty enta teo. ¹⁴Fa niresaky tany Abigaila, valy Nabala, ty raiky tany olo rey, nanao hozao: " nandefa iraky lako baka anefitsy mba hiarahaba ty tomponay i Davida, le tsy nampisiandrozy dikany. ¹⁵Kanefa ty olo le vatany soa taminay. Fa tsy nisy raty nahazo anay sady tsy nijaly zahay tany zahay mbo nandeha nagnoriky androzy tany mbo tambaibo rey tany. ¹⁶Fiarova ho ahinay ndrozy ndra midi ndra haly, baka amy ze niarahanay tamindrozy niamby ty aondry. ¹⁷Lafa zay mba fantaro zay sady eritrereto ty hanovinareo, fa misy raty hanovy amy ty tomponay, noho ty longonny. Le raty fanahy vatany ie e tsy mmisy raiky afaky mivola azy." ¹⁸bakeo i Abigaila nangalaky mofo roan-jato malaky, divay filako roe, aondry namboary limy, fatsy-leo maiky limy, mofo voaloboky zato, noho ampem-pan'aviavy roanj-jato, le nenga tanabo boriky rey. ¹⁹Le hozao tiasany tany pamarakiny: " Mandina alohako eo, le hagnoriky anao zaho bakeo." Fe tsy nnivola tany Nabala valiny ie. ²⁰Lafa nitikitsy ty borikiny ie le nijotso anila ty vohitsy, Davida noho azy olony rey nijotso nandeha aminy eny, le nifankahita tamindrozy rey ie. ²¹Le nivola hozao Davida: " Tena tsy misy dikany ty niambenako ze kila raha iaby nanagna lahilahy io tanefitsy tany, fe tsy nisy ndra ino ino nitrobo ze kila raha iaby zay, le nivaliany raty ty soa nanoviko azy. ²²Hanao manahaky zay amiko lahy Ndranahare, lahy Davida, sady mandilatsy aza, laha manenga ndra lahilahy raiky amy ze azy zaho zisiky maray." ²³Lafa nahita any Abigaila i Davida, le nijotso malaky baka amy borikiny sady nandohaliky sady niondriky sady nampandohaliky ty vatany tany tany tanatreha i Davida teo. ²⁴Nandohaliky tany tombony teo iebesady nanao hozao: " Ho amiko raiky avao, lahy tompoko, ty saza. Engaho lahy ty manomponao mba hiresaky amiko, sady mijanjina azy safa ty mpanomponao. ²⁵Tokony tsy hagnenty anio Nabala, lahilahy raty fanahy io ty tompoko, fa araky ty anarany, le manahaky anizay avao ie. Nabala ty anarany, sady niaraky taminy ty hada. Fa zaho mpanomponao le tsy nahita ty mpamaraky tiahy tompoko, ze nampandinanao. ²⁶Henanizaolahy ry tompoko, laha mbo velo avao koa Yaveh, sady laha mbo velo avao koa iha, safe narova Yaveh tany fandatsaha lio, noho tany famalia ty vatanao tany tananao avao iha, le engaho azy fajhavalonao rey, noho azy ze mikinia hanao raty amy tompoko, hanahaky any Nabala. ²⁷Le engao azy fanomezaka ze fa namea ty mpanomponao tany tompoko toy mba hasesy hoahy mpamaraky ze manoriky ty tompoko. ²⁸Mba engaho lahy ty fahadisoa ty mpanomponao, fa hanamboatsy fipetraha soa hoahy tompoko vatany Yaveh, safe mialy ty aly Yaveh ty tompoko; le ty raty le tsy ho hita aminao eny laha mbo velo avao iha. ²⁹Ndra nitsanga hagnia mba hagnafaty ty ainao aza lahilahy rey, le fa ho fehezy Yaveh Ndranaharinao amy famatora velo ty ay ty tompoko; le ho atorany ty aindrozy fajhavalonao rey, amy ty foetsy ty antsambotaly. ³⁰Le ho anovy Yaveh amy tompoko azy iaby nampitamany anao, araky ty nitinginany anao ho mpitondra amy Israely ao. ³¹Tsy ho enta mavesatsy ho ahinao— ty nandatsahanao lio tsy misy hakeo, na noho ty nanadrama i tompoko hanavotsy ty vatany. Fa lafa hanao soa hoahy tompoko Yaveh, le tiarovo ty mpanomponao." ³²Le hoasa Davida tany Abigaila: "Isaora lahy Yaveh, Ndranahare Israely, le ty nandefa anao nifanojo amiko androany. ³³Ho tahia ty fahendrenao, sady ho tahia iha, safe fa narovanao tany fandatsahan-dio noho famalia faty tany tanako

avao zaho!³⁴Fa laha ty to, laha mbo velo avao Yaveh, Ndranahary Israely, Ze niaro ahy tsy nandratsy anao, laha tsy nandeha malaky hifankahita amiko iha, le tsy ho nisy nijano hoany Nabala laha tsy anakaja lahilahy raiky avao lafa maray."³⁵Le nandramby ze nandesiny ho tiazy baka amy tanany i Davida; hozao tiasany taminy: "Mandina ampiadana amy ty longonao; ingo, fa nijanjy ty feonao zaho, sady fa nanenky anao."³⁶Le nimpoly tamy Nabala i Abigaila; ingo, nanao fanasa tan-tranony tao ie, manahaky ty fanasa ty mpanjaka; le ty fo ty mpanjaka faly tanainy tao, safe mamamo vatany ie. Le tsy nivola ndra ino ndra ino e zisiky nimaray andro iny.³⁷Lafa maray, lafa afaky ty divay Nabala, le nivolaniny valiny taminy azy raha rey; le nivonto tanay ty fony ao, le nanjary manahaky vato ie.³⁸Le folo andro tafara atoy le namango any Nabala Yaveh le nimaty ie.³⁹Lafa nire i Davida fa nimaty Nabala, le hozao tiasany: " Isaora lahy Yaveh, azy nanafaky ty fanambania ahy baka amy tana i Nabala, noho niaro ty mpanompony tamy ty raty. Nampipoly ty raty nanovy Nabala tamy lohany teo avao ie." bakeo Davida naniraky sady niresaky tamy Abigaila, mba hangalaky azy ho valy.⁴⁰Lafa niavy tamy Abigaila ta Karmela tany azy mpanompo Davida rey, le nivola taminy ndrozy sady nanao hozao: " Nandefa anay ho aminao atoy Davida mba hangalaky anao ho valiny."⁴¹Le nitsanga ie, nampandohaliky ty vatany tamy tany, sady nanao hozao: " Ingo, ty mpanompo vavinao le mpanompo hanasa ty tombony ty mpanompo ty tompoko."⁴²Le nitsanga malaky Abigaila, le nitikitsy ty borikiny niaraky tamy mpanompo ampelany limy ze nanoriky azy; le nanaraky ty iraky Davida rey ie le nanjary valiny.⁴³Le nala Davida ho valiny avao koa i Ahinoama Jezirela; la samby nanjary valiny ndrozy roe.⁴⁴Le i saoly koa nanolotsy any Mikala anakam-pelany, valiny Davida, hoahy Palty anailahy Laisa, ze baka a Galima any.

Chapter 26

¹Niavy tamy Saoly ta Gibe azy Zifita le nivola hozao: " Tsy mivony amy baibo Hakila any , ze mifanatriky amy Jesimona va i Davida?"² Le niongaky i Saoly le nijotso tamy efitsy Zifa, nanday lahilahy Israely notinginy telo arivo niaraky taminy, mba hila any Davida anefitsy Zifa any.³Nivory tamy vohitsy Hakila teo i saoly, ze nanatriky amy Jesimona, tamoron-dala teo. Fa nipetraky tanefitsy tany Davida, le nihitany fa tamy nila azy tanefitsy tany i Saoly. ⁴Le naniraky mpitsikilo i davida ka le nahay fa niavy vatany i Saoly.⁵Nitsanga i Davida sady andeha tamy toera ze nipetrahanany Saoly; hitany ty toera niroroany Saoly, noho Abnera anaky Nera, azy jeneraly ty miaramilany; niroro tan-toby tao i saoly, le nivory mihodidy azy olony rey, samby niazon-droro iaby.⁶Le hoasa i Davita tamy Ahimeleka Hitita, noho tamy Abisay anaky Zeroia, rahalahy Joaba hozao: "Ia va ty handeha hijotso ho amy Saoly hiaraky amiko any?"Hozao tiasa i Abisay: " Zaho! Hijotso hanoriky anao zaho." ⁷Le nandeha amy miaramila any Davida noho Abisay lafa haly. Niroro tan-toby niaraky tamy lefony nitsatoky tamy tany tanila loha i Saoly teo. Niroro nihodidy azy i Abnera noho miaramilany rey. ⁸Le hoasa i Abisay tamy Davida: " Nengan-Dranahare ho an-tananao eo ty fahavalonao henanio. Engaho lahy zaho zao hitsoboky azy ho amy tany ndraiky avao amy lefo. Tsy hanenga azy fanindroa mihintsy zaho."⁹Hozao tiasa Davida tamy Abisay: " Ka mamono azy; fa va ty afaky hanampatsy ty tanany hamango ze voahosotsy Yaveh le tsy ho diso?" ¹⁰Hozao tiasa Davida: "Laha mbo velo avao Yaveh, le Yaveh ro hamono azy, ndra ho avy ty andro hahafaty azy, na handeha hialy ie le ho maty."¹¹Ho rara Yaveh lahy ty hanamparako ty tanako hamango ty azy voahosony; fa henanizao, mangataky aminao zaho, rambeso ty lefo ze andohany eo noho ty fasia rano, le ndao handeha." ¹²Le nala i Davita baka andha i Saoly teo azy lefo iny noho azy fasian-drano iny, le niala ndrozy. Tsy nisy nahita androzy na nahay mikasiky anizay, ndra nisy olo nifoaha, fa niazon-droro iaby ndrozy, safe nilatsaky tamindrozy rey ty ror mare baka amy Yaveh.¹³Le nandeha tampita teny Davida le nitsanga tanabo ty vohitsy lavitsy teny; nisy halavira manelanela androzy.

¹⁴Nikorakoraky mare tamy ty olo noho Abnera anaky Nera i Davida; hozao tiasany: " Tsy mamaly va iha, lahy Abnera?" Le namaly Abnera le nanao hozao: " Ia va iha ze mikaikaky ty mpanjaka zao?"¹⁵Hoasa i Davida tamy Abnera: "Tsy iha va azy lahilahy be herim-po iny? Ia ty manahaky anao a Israely etoa? Nanino ary iha tsy niamby ty mpanjaka tomponao? Fa nisy olo hamono ty mpanjaka tomponao. ¹⁶Tsy soa zao raha nanovinao zao. Laha mbo velo avao koa Yaveh, le maeva ho maty iha safe tsy niamby ty tomponao, le azy nohosora Yaveh. Henany zao le henteo ze misy ty lefo ty mpajaka noho ty fasia rano tanila ty lohany teo!"¹⁷Nahatiaro ty feo Davida i Saoly le nanao hozao: "Feonao va zay, lahy Davida anakilahiko? Le hozao tiasa Davida: " Feoko zay, lahy mpanjaka tompoko." ¹⁸Hozao tiasany: " Nanino ro magnia ty mpanompony ty toampoko? Ino va ty nanoviko? Ino ty raty antanako eo?"¹⁹Henany zao moa, mangataky aminao zaho, engaho ty tompoko mpanjaka hijanjy ty safaty mpanompony. Laha Yaveh ro namporisiky anao hanohitsy ahy, engaho ie hanenky fanday raiky; fa laha olombelo zay, le ho voaozo imaso Yaveh eo lahy ie, fa nandroaky ahy ndrozy rey nandroany, mba tsy hitanjarahako amy lova Yaveh; hozao tiasandrozy tamiko: 'Mandina manompo an-Dranahary hafa.' ²⁰Henany zao moa, ka enga ho trobo amy tany lavitsy eo ty fanatreha Yaveh ty lioko; fa efa niboaky hila azy parasy kely raiky iny manahaky nihaza ty olo tsipoy raiky ambohitsy ty mpanjaa Israely rey."²¹Le hozao tiasa Saoly: "Nanota zaho. Mimpolia, lahy Davida, anakilahiko; fa tsy hanao raty anao sasy zaho, safe sarotsy tamasonao teo ty aiko androany. Ingo, nigegegigy zaho sady nanao fahadisoa raty mare."²²Namaly i Davida le nanao hozao: " Ingo, toy ty lefo, lahy mpanjaka! Engaho hisy raiky amy mpamaraky rey hiampita sady hangalaky le handay anizay aminao any. ²³Yaveh lahy hamaly ty olo kiraikiraiky noho ty ha to ny noho ty fahatokiny iaby; safe nanenga anao tan-tanako Yaveh nandroany, fe tsy namango ty nosorany zaho."²⁴Ingo, manahaky ty hasarota ty aianao tamasoko teo nandroany, le tokony homea lanja amason'Yaveh manahaky zay ty aiko, sady hanavotsy ahy amy ty fijalea iaby lahy ie." ²⁵Le hoasa i Saoly tamy Davida: "Ho tahia lahy iha, iha Davida anako! Hanao raha bevata vatany iha sady ho tahia amizay." Le nandeha tamy lalany i Davida, le nimpoly tamy toerany tany Saoly.

Chapter 27

¹Nivola hozao tagnainy tao Davida: " Ho tamy ty tana i Saoly zaho andro raiky any; tsy misy soa ho tiahy laha tsy milay mbamy tana Filistina rey any; tsy hila ahyheniky ty faritsy tany Israely iaby sasy Saoly; amy lala zay ty hilaisako hiala amy ty tanany."²Nitsanga i Davidale niongaky, ie noho ty lahilahiny enin-jato ze niaraky taminy, ho amy Akisy anaky Moaka, mpanjaka i Gata. ³Nipetraky niaraky tamy Akisy ta Gata tao i Davida, noho azy lahilahiny rey, ty lahilahy kiraikraiky miaraky amy ty valy noho ty anany iaby, le i Davida miharo amy ty valiny roe, Ahinoama Jerizelita noho Abigaila Karmelita, valy i Nabala. ⁴Nivolany tamy Saoly fa nilay a Gata any Davida, le tsy nila azy sasy ie.⁵Hoasa Davida tamy akisy: "Laha nahita fitea ta masonao teo zaho, enganie ndrozy hanome toera amy tana raiky amy firenena eo ho tiahy, mba hahaizako mipetraky any: fa manino ty mpanomponao ro hiaro petraky an-tana i mpanjaka ao miaraky aminao?" ⁶Le namea Akisy azy tamy io avao i Ziklaga; tamy zay andro zay ndrindra ro nanomboha ty nahavy any Ziklaga ho tiahy mpanjaka i Joda. ⁷Tao raiky feno noho efa-bola ro isa ty andro ze nipetraka i Davida tamy tany Filistina rey.⁸Le toera lako saky karaza ro nitafiha Davida noho lahilahiny rey, nanao fanafiha ta gesorita, Gizrita, le Amalekita; safe azy firenena rey le mpipetraky tamy tany tao, laha handeha a sora any, le zisiky amy tany Egypta iha. Fa nipetraky tany ndrozy rey taloha. ⁹Nanafiky ty tany Davida le tsy nisy nengany ho velo ndra lahilahy ndra ampela; nandesiny ty aondry, ty aombiny, ty apondra, ty rameva, le ty fisikina; le nimpoly ho amy Akisy ndraiky ie.¹⁰Le hozao tiasa Akisy: "Ia ty notafihanareo nandroany?" Le namaly hozao Davida: "Ty antimo i Joda rey,"na" Ty antimo i Jarmelita rey," na" Ty antimo Kenita rey."¹¹Tsy nisy nenga i Davida ho velo mba handesy a gata ndra lahilahy ndra ampela, fa hozao tiasany: " mba tsy hahaizandrozy mivola hozao: 'Manao hozao ho zao i Davida.'" Zay ty nanoviny tanay fotoa iaby nipetrakany tamy firenena Filistina rey tany. ¹²Nino any Davida i Akisy le nanao hozao: " Fa nanoviny ze niboka Israely olony azy mihintsy; lafa zay le ho mpanompoko mandrakizay ie."

Chapter 28

¹Le tamy ando rey ty Filistina le nampivory azy miaramilany hialy amy Israely. Hozao tiasa Akisy tamy Davida: "Haiko soa fa hiboaky hiaraky amiko ho an-toby, iha noho lahilahinao rey." ²Hoasa i Davida tamy Akisy: "Ho hainao ze afaky hanovy ty mpanomponao." Hozao tiasa i Akisy tamy Davida: "Le nanoviko ho mpiamby ahy zisiky amparany iha." ³Le maty i Samoela, le nisaona azy iaby Israely le nandevy azy ta Rama tao, tamy tanany tao. Nirava i Saoly tsy ho amy tanany avao koa azy nivola tamy maty ndra tamy fanahy rey. ⁴Le niharo raiky Filistina rey le niavy noho nipetraky ta Sonema tao; Le nampiharo Israely iaby i Saoly, le nipetraky ta Gilboa tao ndrozy. ⁵Lafa nahita ty miaramila Filistina i Saoly, le navaka ie, sady niorohoro mare ty ainy. ⁶Nangataka fanampea tamy Yaveh i saoly, fe tsy namaly azy Yaveh— ndra tamy nofy, ndra tamy Orima, ndra tamy mmpaminany rey. ⁷Le hoasa Saoly tamy mpanompony: "Ila ampela miresaky amy maty zaho, mba ahaizako mandeha aminy any sady hila hevitsy aminy any." Hoasa mpanompony rey taminy: "Ingo, misy ampela a Andora any ze mivola fa miresaky amy ty maty." ⁸Nanova tarehy Saoly, nisiky siky hafa, le nandeha, ie noho lahilahy roe niaraky taminy; nandeha amy azy ampela iny any ndrozy lafa haly. Hozao tiasany: "Mangataky aminao zaho, manaova fikaiha ty maty ho tiahy, miaraky amy ty fanahy, le andeso manganiky ze anara volaniko anao." ⁹Hoasa ampela iny taminy: "Ingo, hainao ze nanovy Saoly, ze nandravany ze nivola tamy ty maty ndra amy fanahy rey tsy ho amy ty tany eo. Ka manino iha ro manenga fandriky hoahy ty aiko, mba hamono ahy?" ¹⁰Nifanta taminy tamy alala Yaveh i Saoly le nanao hozao: "Laha mbo velo avao Yaveh, le tsy hisy fanasazia ho tanteraky aminao noho raha zao." ¹¹Le hoasa ampela iny: "Ia ro tokony handesiko miakatsy aminao atoy?" ¹²Hoasa Saoly: "Andeso miakatsy ho ahy Samoela." ¹³Laha nahita any Samoela azy ampela iny, le nikoraky mare ie sady nivola tamy Saoly manao hozao: "Nanino iha ro namerivery ahy? Fa iha Saoly." ¹⁴Hoasa mpanjaka taminy: "Ka mavaka. Ino va ty hitanao: "Hoasa ampela iny tamy Saoly: "Mahita Ndranahary nanganiniky baka amy tany ao zaho." ¹⁵Hozao tiasany aminy: "Manaky ino ty tarehiny?" Hoasany: "Lahilahy antitsy ro baka nanganiky; misiky siky lava ie." Hainy Saoly fa Samoela zay, le nampandohalaky ty vatany tamy tany ie sady nampitolo fanaja. ¹⁶Hoasa Samoela tamy Saoly: "Nanino iha ro nanankoronta ahy le naday ahy niakatsy?" Namaly hozao Saoly: "Mijaly mare zaho, safe azy Filistina rey le mila alyhanohitsy ahy, le Ndranahary nanenga ahy sady tsy namaly ahy sasy, ndra tamy mpaminany rey ndra tamy ty nofy. Zay nahavy ahy nikaiky anao, mba hahazanao mampahay ahy ze tokony hanoviko." ¹⁷Hozao tiasa Samoela: "Ino va ty anontaniana ahy, safe Yaveh nanenga anao, sady nanjary fahavalonao Ie?" ¹⁸Nanovy Yaveh taminao ze fa nivolaniny hanoviny. Fa nampiala ty fanjaka tsy ho an-tananao ie sady nanome anizay hoahin'olo hafa— hoahy Davida. ¹⁹Safe iha tsy nanoriky ty safa Yaveh sady tsy nanday ty helokiny tamy Amalekita, le nanoviny taminao zay nandriany. ²⁰Ankoatsy zay, Yaveh le hanesy anao noho ty Israely ho ana-tana Filistinarey eo. halaray iha noho ty nakilahinao le hanoriky ahy. Hasesy Yaveh ho an-tana Filistina rey eo avao koa ty miaramila Israely. ²¹Bakeo le niravoky niampatsy tamy tany i Saoly sady le vatany navaka ie tamy safa Samoela rey. Tsy nisy hery tanainy tao, safe tsy nihina hany ie tamy andro raiky iny iaby. ²²Nandeha amy saoly ao azy ampela iny sady nahita fa nikorontan-tsay ie, hozao tiasany taminy: "Ingo, ty mpanompo ampelanao fa nijanjy ty feonao; fa nengako tam-pelatanako ty aiko sady fa nijanjy ty safanao ze nivolaninao tamiko." ²³Le henany zao, mangataky aminao zaho, janjino avao koa ty feo ty mpanompo ampelanao, sady engaho zaho hanenga hany kely alohanao eo. Mihomana mba hahazoanao hery lafa handeha amy lalanao iha." ²⁴Fa i Saoly nanda le nivola hozao: "Tsy hihina zaho." Fa azy mpanompony, niaraky tamy ampela iny, nanery azy, lenijanany ty feondrozy ie. Le nitsanga baka amy tany eo iele nipetraky tan-kitrely teo. ²⁵nana anakaomby noharia tan-tranony tao ampela iny; nandeha malaky ie sady namono azizay; nangalaka boka ie, nampiharo anizay, le nandeha ty mofo tsy misy fampitomboana niaraky tamy zay. ²⁶Nandesiny taloha Saoly noho mpanompony rey zay, le nihina ndrozy. Le nitsanga ndrozy le nandeha lafa halininy.

Chapter 29

¹Le namory ty miaramilany iaby ta Afeka azy Filistinarey; ²nivory tanila loharano ze ta jezerela azy Israelita rey. Nizara ty mpanjaka Filistina rey an-jatony noho anarivo ty miaramila; Davida noho olony rey nandeha baka amy mpiamby ty vorin-dala niaraky tamy Akisy.³Le hoasa ty mpanjaka Filistinarey: "Ino ty atao Hebreo rey atoy?"Hoasa Akisy tamy ty toby Filistina hafa rey: "Fa tsy davida va io, azy mpanompo Saoly, mpanjaka Israely, ze fa niaraky tamiko tamy andro rey, ndra tamy tao rey avao koa aza, sady tsy nahita fahadisoa taminy zaho baka amy ze niarahany tamiko le zisky zao?"⁴Fe azy mpanjaka Filistina rey le meloky taminy; hozao tiasandrozy: "Engaho handeha any lahilahy zay, engaho ie himpoly amy toera ze nameanao azy; ka enga hiaraky amitsika ho amy aly ie, mba tsy hanjary ho fahavalotsika amy aly ie. Fa manao akory ro ahafahany namany io hilongo amy ty tompony? Vasa tay amy alala be ty olontsika?"⁵Va tsy i Davida io azy nifampirandrozy tamy fitsinjaha nanao hozao: "Nahafaty anarivo i Saoly, le Davida nahafaty analiny?"⁶Le nikaiky any Davida i Akisy le nanao hozao: "Laha mbo velo avao koa Yaveh,le soa iha le teako ty miaraky miboaky noho miaraky aminao amy miaramila ao; fa tsy mbo nahitaky fahadisoa taminao zaho baka amy andro niavinao tamiko tatoy le zisiky nandroany. Ndra zay aza, le tsy nakasitraha ty mpanjaka iha."⁷Le henanizao mimpoliana sady mandina amy fiadana, mba tsy hahameloky ty mpanjaka Filistiana iha."⁸Hoasa davida tamy Akisy: "Fa nanao ino zaho? Ino ro nihitanao tamy mpanomponao baka amy naha teo anatrehanao ahy zisiky henanizao, ro tsy afaky maneha hialy hanohitsy fahavalony ty tompoko mpanjaka zaho?"⁹Namaly i Akisy le nanao hozao tamy Davida: "Haiko fa tsy mana hakeo manahaky ty annjely Ndranahare tamasoko eo iha; ndra zay aza, azy mpanjaka Filistina fa nanao hozao: "Tsy mahazo miakatsy miaraky amitsika ho amy aly any ie."¹⁰Le henanizao mifohaza maray miaraky amy mpanompo ty tomponao ze niavy niaraky taminao; laha vo mifoha iha maray sady mazava ty andro, le mandina."¹¹Le nifoha maray Davida, ie noho olony rey, mba hiala maray, mba himpoly amy tany Filistina. fe azy Filistina rey niakatsy ta Jezirela tany.

Chapter 30

¹afa niavy ta Giklaga any i Davida noho olony rey tamy faha telo andro, le nanafiky tamy Negava noho tamy Ziklaga teo Amalekita rey. Nanafiky any Ziklaga ndrozy, sady nandoro anizay, ²sady nisambotsy ampela rey noho ty olo iaby ze tamizay tao, ndra maliniky ndra bevata. Tsy namoono ndra ia ndra ia ndrozy, fa nanday androzy lafa nandeha tamy lalany.³Lafa nandeha tamy tana tany i Davidanoho olony rey, le fa may zay, sady valiny rey, azy anakilahiny rey, noho anakampelany rey le nala ho azo sambotsy. ⁴Bakeo nampiaika-peo i Davida noh ty olo niaraky taminy le nitany zisiky tsy nisiasy ty hery nitania sasy.⁵Voasambotsy azy valy Davida roe rey, Ahinoama Jezeralita, le Abigaila valiny Nabala Karmelita. ⁶Le vatany nijale i Davida, safe niresaky mikasiky hitoram-bato azy ty olo, safe mafaitsy ara-panahy ty olo iaby, ty olo kiraikraiky noho ty amy anakilahiny rey noho ty anakampelany; fa nampahery ty vatany tamy Yaveh, Ndranahariny Davida.⁷Hozao tiasa davida tamy Abiatara anaky Ahimeleka, azy mpisoro iny: " Mangataky aminao zaho, andeso amiko atoy efoda iny." Le nandesy Abiatara tamy Davida teo azy efoda iny.⁸Nangataky fanazava baka amy Yaveh Davida, nanao hozao: "Laha magnia ty antoko io zaho, le ho azoko va ndrozy?" Le namaly azy hozao Yaveh: " Hindigno, fa azo antoky fa hampipoly ty kila raha iaby iha."⁹Le nandeha i Davida, ie noho eninjato lahy ze niaraky taminy; le niavy tamy reniranon'i Besora ndrozy, ze niegnena azy nenga tafara tany. ¹⁰Fa notohizany avao ty fagnindigna avao i Davida, ie noho efa-jato lahy; fa ty roanjato niegny tafara tao, ze le vatany fa marary fa tsy afaky handeha amy tany malemy ty riaky Besora.¹¹Nahita Egyptiana raiky tambaibo tany ndrozy sady nanday azy tamy Davida tany; nameandrozy mofo ie, le nihina; nameandrozy rano hinoma ie; ¹²sady nameandrozy ilana mofo mamin'aviavy noho tahomboaloboky roe ie. Lafa nihina ie, le nahazo hery ndraiky, safe tsy nihina mofo ndra nino naharitsy ty telo andro noho telo haly ie.¹³Hozao tiasa davida taminy: " Ania moa iha? Baka aia iha?" Le hozao tiasany: Pamaraky Egypta zaho, mpanompo Amelekita raiky; nenenga ahy ty tompoko safe nisiloky zaho fa telo andro lasa zay. ¹⁴Nanafiky any Negeva i Keretite zahay, noho ty any Joda, le i Negeva i Kaleba, sady noroanay i Ziklaga.¹⁵Hozao tiasa davida taminy: " Handay ahy hijotso amy antoko mpanafiky va iha?" Hoasa Egyptiana iny: "Mifanta amiko amy Ndranahary mba tsy hamonao ahyndra hamalihanao ahy ampelatana tompoko eo, le handay anao hijotso amy zay antoko mpanafiky zay zaho."¹⁶Lafa nanday any Davida nijotso any Egyptiana iny, le niparitaky tamy tany iaby rey ty mpanafiky, nihina noho nino sady nandidy noho azo sambotsy rey ze nivolanandrozy tamy Filistina rey sady tamy tany Joda. ¹⁷Nanafiky androzy rey i Davida nanomboky ty hariva le zisiky ty hariva ty andro manaraky. Tsy nisy ndra olo raiky tafilisty hafa tsy pamaraky efa-jato ze nitikitsy rameva le nilay.¹⁸Le tafimpoly Davida ze nala Amalekita iaby rey; le navota i davida ty valiny roe. ¹⁹Tsy nisy raha tsy ampy, ndra mainiky ndra bevata, ndra ty anakilahiny ndra ty anakampelany, ndra azy azo sambotsy rey, ndra ty kila raha iaby ze norava azy mpanafiky ho tiahindrozy rey.ampoly Davida ty kila raha iaby. ²⁰Nala i Davida azy aondry noho ty aosy iaby noho aomby rey, ze nandesy olo taoha ty biby fihary hafa. Hozao tiasandrozy: "y ty azo Davida sambotsy."²¹Niavy tamy olo roanjato le vatany siloky laha nanoriky azy Davida, azy anova ty hafa niegny tamy ty renirano Besora tany. Azy lahilahy rey le nandroso mba hifanojo amy Davida noho ty olo niaraky taminy. Lafa niavy tamy olony rey Davida, le nniarahaba azy ndrozy. ²²Azy olo raty fanahy rey noho ty namany rey tsy misy iala azy tamy ze fa nandefa niaraky tamy Davida rey nivola hozao: " Safe tsy nandeha niaraky tamitsika azy lahilahy rey, le tsy nanome androzyho sambotsy ze fa niazontsika tsika. Laha tsy hoe afaky mangalaky valiny noho ty anany rey azy lahilahy kiraikiraiky rey, le mitariky androzy, le mandina."²³Le hoasa Davida: " Tsy tokony hanao anizay fa namea Yaveh antsika, nareo ro rahalahiko. Fa narovany tsika sady fa nasesiny tan-tanatsika teo azy mpanafiky ze niavy nanohitsy antsika. ²⁴Ia ty hijanjy anao amy raha niseho zay? Fa ty fizara le hoahy ze mandeha amy ty aly, noho hoamy ty alo ze mandiny ty enta avao koa; fa hizara mitovy ndrozy."²⁵Le manahaky anizay ty tamy zay andro zay le zisiky amizao, safe nanovy Davida ho lily noho lala hoahy Israely zay.²⁶Lafa niavy ta Ziklaga i Davida, le nandefa ty ilany tamy azo sambotsy rey ho ahy ty be ty Joda rey, hoahy namany rey ie, nanao hozao: "Ingo, toy misy fanomezaka ho ahinao baka amy ty azo sambotsy baka amy fahavalo Yaveh rey."²⁷Nandefa ty ilany tamy beny rey ze ta Betela tany Ramota ty antimo, noho hoahy ze a Jarita, ²⁸sady hoahy ze a Aroera, noho hoahy ze any Sifmota any rey, sady hoahy ze a Estemoa any.²⁹Nandefa ty ilany tamy ty be ze a Rakala tany, noho ze amy tana i Jeramelita tany, sady ze amy tana i Kenita rey any, ³⁰le hoahy ze a Horma rey any, noho hoahy ze a Korsana any, le hoahy ze a Ataka any, ³¹noho hoahy ze Hebrona any, sady amy toera iaby ze nandina i davida noho ty olony tsikanikany ie.

Chapter 31

¹Le Filistianarey nialy anohitsy any Israely. Le ty lahilahy Israely nilay taloha Filistinateo le nitonta maty tambohitsy i Gilboa teo. ²Azy Filistina rey nagnindy marikitsy anila i Saoly noho ty anakilahiny. Novonoa Filistina i Jonatana, Abinadaba, sady Malkisoa, anakilahiny. ³Niha henja tanatreha i Saoly teo ty aly, le azy mpandefa kititsy rey nahavao azy. Tanay ty fahararea mare ie noho ty amindrozy. ⁴Le hoasa i Saoly tamy mpanday ty fialiany: "Aboaho ty mesobenaole tsoboho amizay zaho. laha tsy zay, azy foasavatsy rey ro ho avy le hagnaramo ahy." fa tsy nanao anizay ty mpanday ty fialiany, safe navaka mare ie. Le nala i Saoly ty mesobeny le niravoky tanabonizay ie. ⁵Lafa nihita ty mpanday ty fialiany fa maty i Saoly, le niravoly tanabo ty mesobeny manahaky zay avao koa ie le nimaty niaraky taminy. ⁶Le nimaty i saoly, azy anany telo lahy rey, sady ty mpanday ty fialiany--- azy lahilahy rey le andro raiky avao ty niarahandrozy nimaty. ⁷Lafa nihita ty lahilahy Israely ze tampita ty tany malemy, noho tampita ty Jordana, fa nilay ty lahilahy Israely, sady maty i saoly noho anakilahiny rey, le nanenga ty tanany le nilay ndrozy, le niavy Filistina rey le nipetraky tamy rey teo. ⁸Lafa maraininy, lafa niavy nangalaky azy faty rey ty Filistina rey, ro nahitandrozy any Saoly noho ty anakilahiny telo maty tambohitsy Gilboa teo. ⁹Notapahandrozy ty lohany sady niravany ty fialiany, sady nandefa mpanday hafatsy heniky ty tana Filistianarey mba handay ty vaovao amy ty fiangona ty sampindrozy rey noho amy ty olondrozy rey. ¹⁰Nengan-drozy tamy ty fiangona i Astarta ty fialiany, sady ty vatany nifeheny tamy ty manda ty tana i Beti-sana. ¹¹lafa nahare ze nanovy i Filistina tamy Saoly ty mpipetraky ta Jabesa Gileada, ¹²le nitsanga azy lahilahy mpialy iaby rey sady lafa haly iaby nandeha le nagnalaky ty faty i Saoly noho ty faty ty anakilahiny tamy manda i Beta-sana. Nandeha a Jabesa any ndrozy sady noroany teo rey. ¹³Le nalandrozy ty taolandrozy bakeo naleviny tambany ty hazo tamariska ta Jebesy tao, sady nifaly hany naharitsy fito andro ndrozy.

2 Samuel

Chapter 1

¹Tafara nahafaty any Saoly, le nimpoly baka amy fanafiha any Amalekita rey i Davida le niegny ta Ziklaga tao naharitsy ty roa andro. ²Tamy andro faha telo, le nisy lahilahy raiky niaraky tamy ty fisikinany tatatataky noho maloto tamy lohany teo ro niaby baka amy toby i Saoly. Lafa niavy tamy Davida teo ie le nandohaliky tamy tany le nanondriky ty vatany. ³Hozao tiasa davida taminy: " Baka aia va iha?" Namaly hozao ie: "Nilay baka amy toby Israely zaho." ⁴Hozao tiasa Davida taminy: "Volano ahy lahy ty fisehoa ty raha zay." Namaly hozao ie: "Nilay tamy ty alyazy olo rey. Lako ty nivoa sady lako ty maty. Saoly noho Jonatana anakilahiny koa le nimaty." ⁵Hoasa Davida tamy azy pamaraky iny: "Amy fomba manao akory ty nahaizanao azy fa maty i Saoly noho Jonatana anany?" ⁶Namaly hozao mpamaraky iny: " Kisendrasendra ro naha avy tambohitsy i Gilboa ahy, le ingo i Saoly nitanjaky tamy lefony, le azy lakesiny noho pitikitsy azy le tampsambora azy. ⁷Niodikodiky i Saoly sady nahitaky ahy le nikaiky mare ahy. Le namaly hozao zaho: 'Toy zaho.' ⁸Hozao tiasany amiko: 'Ia va iha? 'Namaly azy manao hozao zaho: 'Amalekita zaho.' ⁹Hozao tiasany tamiko: 'Mitsangana anilako eto lahy sady vono zaho, fa fijalea bevata ty mahazo ahy, fe mbo amiko ato ty aiko.' ¹⁰Lafa zay le nagnato taminy teo zaho le namono azy, safe haiko fa tsy ho velo ie tafara ty namparatsy azy. Bakeo le nafahako ty satro-boninahitsy ze tamy lohany teo noho ty fehy ty tana tamy sandriny teo, le nandesiko aminao etoa rey, lahy tompoko." ¹¹Ba keo le nanataky ty sikiny i Davida, le nanao manahaky zay iaby koa ty olo niaraky taminy. ¹²Nisaona ndrozy, nitany, sady nifaly hany zisisky hariva hoahy Saoly, hoahy Joanatana anakilahiny, hoahy olo Yaveh, sady hoahy ty longo Israely safe niresy tamy mesobe ndrozy. ¹³Hoasa Davida tamy pamaraky iny: "baka aia va iha?" Namaly hozao ie: "Anaky ty vahiny raiky amy tany etoa zaho, Amalekita raiky." ¹⁴Hozao tiasa Davida taminy: "Nanino iha ro tsy navaka namono ty mpanjaka nohosora Yaveh tamy tananao avao?" Nikaiky ty raiky tamy pamaraky rey i ¹⁵Davida sady nivola hozao: " Mandina le vono ie." Le nandeha lahilahy zay le namango azy, le maty azy Amalekita iny. ¹⁶Bakeo le nivola tamy faty Amelekita iny i Davidahoe: " Amy lohanao eo ty lionao safe ty vavanao avao ro vavolombelo nanohitsy anao sady nanao hozao: 'Namono ty mpanjaka nohosora yaveh zaho.' ¹⁷keo le nihira ty hira fisaonana mikasiky Saoly noho Jonatana anakilahiny i Davida. ¹⁸Nibaiko ty olo ie mba hampianatsy zay Hira ty Tsiipika zay any anakilahy i Joda , ze voasoratsy amy Boky i Jasara ao. " ¹⁹Ty voninahitsinao, lahy Israely, le nimaty, novonoa tamy ty toeranao anabo! E ty fahavoaza azy mahery iny! ²⁰Ka volany a Gaza ao zay, la volany amy lala Askelona eo zay, mba tsy ho afaky hifaly ty anakampela ty Filistina, mba tsy hankalaza ty anakampela tsy voasavatsy rey. ²¹Ty vohitsy Gilboa, tsy hisy ando noho ora lahy aminy eo, ndra baibo manome voa ho fanday, safe teo ty fiarova ty mahery iny ro voaloto. Ty fiarova i saoly le tsy voahosotsy tamy menaky sasy. ²²Bakeo amy ty lio ze novonoa, sady amy faty ty

mahery rey, le tsy nimpoly ty kititsy Jonatana, sady tsy nimpoly fahatany ty mesobe ahy Saoly.²³ Saoly noho Jonatana le tea noho mpamindra fo teo amy fiaina, sady tsy nosaraha ndrozy tamy ty nahafaty androzy. Malaika noho ty voro mahery ndrozy, natanjaka mandilatsy ty liona. ²⁴Nareo noho ty nakampela Israely, mitania amy Saoly, ze nampisafotsy Jaky noho ravaky anareo, sady ze namitiky volamena tamy sikanareo teo.²⁵ E ty fahafatesa ty mahery iny tanivo ty aly! Novonoa tamy ty toera anabo eo i Jonatana. ²⁶Nijaly noho aminao zaho, lahy Jonatana rahalahiko. Le vatany malala tamiko iha. Mahatseriky ty fitiavanao ahy, mandilatsy ty fiteava ty ampela. ²⁷E ty faharesea azy mahery iny, noho ty fahaveloma ty fitaovam-pialia !"

Chapter 2

¹Tafara anizay le nanontany any Yaveh Davida sady nivola hozo: "Tokony hanganiky amy raiky amy tana Joda va zaho?" Namaly azy hozo Yaveh: "Manganiha." Hoasa Davida: "Amy tana nia va ty tokony handinako?" La namaly hozo Yaveh: "A Hebrona any." ²Lafa zay le nanganiky niaraky tamy valiny roe rey Davida, le i Ahinoama baka a Jezirelita, noho Abigaila baka a Karmela any, azy maty valy nenga i Nabala. ³Nanday ty olo ze niaraky taminy, ze samby nanday ty valy amy ty anany iaby, ho amy tana i Hebrona any, ze nanomboy nipetrahandrozy i Davida. ⁴Bakeo niavy lahilahy baka i Joda rey sady nanositsy any Davida ho mpanjaka amy ty longo i Joda. Hoasandrozy tamy Davida: "Azy olo i Jabesigileada rey ro nandevy any Saoly." ⁵Lafa zay le nampaniraky mpanday hafatsy hoahy olo Jabesigileada rey i Davida sady nivola tamindrozy rey manao hozo: "Tahia Yaveh nareo, safe nareo le nampitrozy zay tsy fivaliha zay tamy Saoly tomponareo noho nandevy azy." ⁶Henanizaoheneho fanenkeam-pilongoa tsy mivaliky noho fahatokia aminareo lahy Yaveh. Zaho avao koa le haneho anizay fahasoava zay aminareo safe nanao zay raha zay nareo. ⁷Le henanizao e, engaho hatanjaka ty tananareo; managna heri-po fa maty i Saoly tomponareo, sady ty fokoa i Joda nanositsy ahy ho mpanjaka amindrozy eo." ⁸Fa i Abnera anakilahy Nera, mpifehy ty miaramila i saoly, le nangalaky any Isboseta anakilahy i Saoly sady nanday azy ta Mahanaima. ⁹Nanao any Isboseta ho mpanjaka i Gileada, Asorita, Jezirela, Efraima, Benjamina, sady Israely iaby ie. ¹⁰Efapolo tao i Isboseta anakilahy Saoly ro nanomboky nanjaka tamy Israely, sady nanjaka naharitsy tao roe ie. Fa nanoriky any Davida ty fokoa i Joda. ¹¹Fito tao noho enim-bola ty fotoa nanjaka i Davida tamy fokoa i Joda ta Hebrona tao. ¹²Abnera anakilahy Nera, sady ty mpanompo i Isboseta anakilahy Saoly, le niala ta Mahanaima ho a Gibeona any. ¹³Le i Joaba anakilahy i Zeroia noho mpanompo i Davida rey le niboaky sady nifanojiky tamindrozy tamy ty renirano i Gibeona tany. T eny ndrozy ro nipetraky, ty toky raiky tanila ty renirano teo sady ty toby raiky hafa tapitany teo. ¹⁴Hoasa i Abnera tamy i Joaba: "Engaho hitsanga noho hifanina alohatsika eo azy pamaraky rey." Le hozo tiasa i Joaba: "E ngaho hitsanga ndrozy." ¹⁵Le nitsanga noho niaraky nivory pamaraky rey, folo roe amby baka amy Benjamina noho Isboseta anaky Saoly, le folo roe amby baka amy mpanompo i Davida. ¹⁶Ty lahilahy kiraikiraiky le samby nisambotsy ty mpifanandry taminy tamy ty lohany noho nampitroboky ty mesobenany amy ty ilany ty mpifanandry taminy, sady niaraky nivola ndrozy. Le nikaiha tamy sava Hebreo manao hozo: "Helkata-hazorima" na "Baibo ty mesobe" azy toera zay, ze a Gibeona any. ¹⁷Le vatany mare ty aly tamy andro io le resy taloha ty mpipetraky i Davida i Abnera noho ty lahilahy Israely. ¹⁸Teo ty anakilahy Zeroia telo: Joaba, noho Abisay, le i Asahela. Ty tombo i Asahela le malaky lia manahaky any gazela-ly. ¹⁹Sady Asahela nagnnia marikitsy any Abnera noho nagnoriky azy tsy nibiobio tamy lalany iaby. ²⁰Nagnety ty tafarany tao i Abnera le nanao hozo: "Iha va io Asahela?" Namaly hozo ie: "Zaho toy." ²¹Leoasa Abnera taminy: "Miodaha amy anakavananao ndra ankaviananao, sady misambora raiky amy mpamaraky rey le alao ty fialiany." Fa tsy niodaky i Asahela. ²²Le hozo ndraiky tiasa i Abnera tamy Asahela: "Egneno ty fagnidigna ahy. Nanino zaho ro tokony hamango anao amy tany? Ataoko manao akory ty hanatrisky ty vata i Joaba, rahalahinao?" ²³Fa tsy nanenky hiodaky i Asahela, le nitsoboha i Abnera ty meson-defony ty vatany, le niboaky baka andambosiny lofo iny. Niravoky le nimaty teo i Asahela. Le ze olo niavy tamy toera iny teo ze nampiravoky noho nahafaty any Asahela, le niegny noho tsy nihetsiky teo. ²⁴Fa nihindigny i Joaba noho Abisay i Abnera. Lafa nilentiky ty masoandro, le niavy tambohitsy Ama teo, ze anila i Gia amoron-dalamandeha amy efitsy Gibeona eo ndrozy. ²⁵Niaraky nivory tafara i bnera tao azy lahilahy Bennjamina rey sady nitsanga tanabo ty vohitsy iny teo. ²⁶Bakeo le nikaiky any Joaba i Abnera le nivola hozo: "Tsy maintsy hitely mandrakizay va ty mesobe? Tsy hainao va fa hafatsy zay lafa farany? Zisiky ombia iha vo hivola ty olonao mba hiegnny tsy hagnia ty rahalahindrozy rey?" ²⁷Le namaly hozo i Joaba: "Laha mbo velo avao Ndranahare, laha tsy nivola anizay iha, le ho nagnia ty rahalahindrozy rey zisiky maray azy miaramilako rey!" ²⁸Le nitsoka ty anjomara i Joaba, sady niegny ty olo iaby le tsy nagnia ty Israely sasy ndrozy. ²⁹Tamy haly iaby zay le naneha nanapatapaky ty Araba i Abnera noho ty olony. Niampita i Jordana ndrozy, nandeha naharitsy tamy maly maray iaby, le niavy ta Mahanaima tao. ³⁰Nimpoly nagnia i Abnera i Joaba. Namory ty olo iaby ie, le i Asahela noho ty miaramilany folo sivy amby baka amy Davida ro tsy teo. ³¹Fa azy olo i Davida rey le namono 360 lahilahy tamy olo i Benjamina ze niaraky tamy Abnera. ³²Bakeo le nalandrozy i Asahela le naleviny tamy lolo ty babany, ze ta Betlehema tao. Le i Joaba noho olony rey nandeha ty haly iaby, le vo maraindray ndrozy ro niavy ta Hebrona tao.

Chapter 3

¹Le nisy aly avao tamy longo Saoly noho ty longo i Davida. Niha natanjaka avao Davida, fa ty longo i Saoly le niha nalemy avao. ²Niteraky anakilahy ta Hebrona tao i Davida. Ty talan'olony le i Amnona, tamy Ahinoama baka a Jezraela tany. ³Ty anakilahiny faha roe, le i Kileaba, nateraky Abigaila, azy maty valy nenga i Nabala baka a Karmela iny. Ty fahatelo, le i Absaloma, anakilahy Maka, anakampela i Talmay, mpanjaka i Gesora. ⁴Ty anakilahy Davida faha efatsy, le le i Adonia, anakilahy Hagita. Ty anakilahiny faha limy le i Sefatia anakilahy Abitala, ⁵le ty faha eny le i Jitreama, anakilahy Eglal valiny Davida. rey ty anakilahy natera i Davida ta Hebrona tao. ⁶Le baka amy ty aly tamy ty longo i Saoly noho ty longo i Davida le niha natanjaky tan-trano i Saoly tao i Abnera. ⁷Saoly le nana valy masay ze kaiha hoe Rizpa, anakampela i Aia. Hozao tiasa i Isboseta tamy Abnera: "Nanino va iha ro niarakany nanddry tamy valy masako?" ⁸Le nimeloky mare tamy ty safa i Isboseta i Abnera le nivola hozao: "Lohan'alika ze tiahy i Joda va zaho? Androany zaho le mahare fahatokia baka amy ty longo i Saoly, razambenareo, amy rahalahiny rey, amy namany rey, mba tsy hanesy anareo an-tana i Davida. Fa henanizao iha le namasara ahy ty anaova raha raty momba ty ampela toy?" ⁹Ho hanovin-Dranahary amiko lahy zay, iha Abnera, sady mandilatsy aza, laha tsy anoviko amy Davida araky ze nifanta i Yaveh taminy, ¹⁰ty hamalo ty fanjaka amy longo i saoly nho hanamboatsy seza fiadana i Davida amy Israely noho amy Joda eo, baka amy Dana le zisiky amy Beri-sheba. ¹¹Tsy nana safa hafa havaly any Abnera sasy i Isboseta, safe navaka azy ie. ¹²Bakeo le nandefa mpanday hafatsy nandeha amy Davida any i Abnera mba hiresaky ho tiahy manao hozao: "Ahinia ty tany toy? Mananova fanenkea amiko, le ho hitanao fa hiaro anao ty tanako, mba handay, mba handay ty Israely iaby ho aminao eo." ¹³Namaly hozao i Davida: "Soa zay, hanao fanenkea aminao zaho. Fe ty raha raiky ilako aminao le ty tsy ahitanao ty vatako laha tsy andesinao aloha i Mikala, anakampela i Saoly, lafa avy hagnenty ahy iha." ¹⁴Bakeo i Davida nandefa mpanday hafatsy nandeha amy Isboseta any, anakilahy Saoly, nivola manao hozao: "Ameo ahy i Milkala valiko, ze fa naloako vily baka amy ty lohatsinty ty Filistina zato." ¹⁵Lafa zay le nampangalaky any Mikala i Isboseta le nagnalaky azy tamy i Paltielal valiny, anakilahy Laisy. ¹⁶Nandeha niarakany tamy valiny, nitany tam-pandehana teny le nanoriky azy baka a Bahorima any. Le hoasa Abnera taminy: "Henanizao mimpoliana an-tranoko any." Le nimpoly ie. ¹⁷Nivola tamy loholon'Israely i Abnera le nivola hozao: "Taloha nareo le naniry any Davida ho mpanjaka aminareo eo. ¹⁸Henanizao anovo zay. Fa Yaveh fa nivola tamy Davida manao hozao: 'amy tana i Davida mpanompoko ro hamonjeako any Israely oloko amy tana ty Filistinarey eo noho amy ty tana ty fahavalon-drozy iaby rey.'" ¹⁹Nivola manoka tamy olo i Benjamina avao koa i Abnera. Bakeo avao koa le nandeha i Abnera mba hivola amy Davida a Hebrona tao mba hanazava ty kila raha iaby ze tea Israely noho ty longo i Benjamina iaby ho tanterahy. ²⁰Lafa niavy ta Hebrona tao mba hifankahita amy Davida i Abnera noho ty ropolo tamy lahilahiny rey, le fa nanoma fanasa hoahindrozy rey i Davida. ²¹Le nanazava tamy Davida manao hozao i Abnera: "Hintsnga zaho le hamory ty Israely iaby ho aminao eo, lahy mpanjaka tompoko, mba hahazandrozy manao fanenkea aminao eo, mba hahazao manjaka amy ze iaby irinao." Le nandefa any Abnera i Davida, le i Abnera niala tam-pialia. ²²Le niavy tamy fanafiha nanoriky any Davida noho Joaba sady nanday gadra lako niarakany tamindrozy. Kanefa i Abnera tsy nagnoriky any Davida ta Hebrona tany. Fa nampandina i Davida ie, le niala tam-piadana i Abnera. ²³Lafa niavy i Joaba noho ty miaramila iaby nanoriky azy, le hozao tiasandrozy tamy Joaba: "Niaby tamy mpanjaka tetoy i Abnera anaky Nera, le nampandina ty mpanjaka ie, le niala tamy ty fialia i Abnera." ²⁴Bakeo le niavy tamy mpanjaka teo i Joaba le nivola hozao: "Ino va ty nanovinao? Ingo, i Abnera fa niavy taminao tatoy! Nanino ie nampandinao le nandeha?" ²⁵Tsy hainao va i Abnera anaky Nera le niavy taminao tetoy mba mamerivory anao noho hampahay ty hevitsinao sady mba hahay ze kila raha iaby anovinao?" ²⁶Lafa nanenga any Davida i Joaba, le nampaniraky mpanday hafatsy nanoriky any Abnera ie, le nandesindrozy nimpoly baka amy fantsaka tiahy Siraha ie, fe tsy nihay Davida zay. ²⁷Lafa nimpoly ho a Hebrona any i Abnera, le nandesy i Joaba nikisaky tely tanivo ty vavahady mba hivola aminy mangingiky ie. teo ty nitsoboaha i Joaba azy tamy tsarotson teo le nimaty ie. Tamy zay fomba zay ro namalia i Joaba ty lio i Asahela rahalahiny. ²⁸Laf nire i Davia ty mikaiky zay le hozao tiasany: "Zaho noho ty fanjakako le tsy hana hakeo mandrakizay anatreha Yaveh eo noho ty lio i Abnera anaky Nera. ²⁹Engaho ty fahadisoa amy faty i Abnera hivorotsaky amy loha i Joaba noho ty longo ty babany iaby. Tsy ho afaky amy ty longo i Joaba lahy ty olo ze mitsi-dio ndra ty aretin-kolitsy ndra ty mandringa le tsy maintsy mandeha amy kobay ze rety ty mesobe ndra azy ze tsy mana ho hany rey." ³⁰Manahaky anizay ty namonoa any Joaba noho Abisay rahalahiny Abnera, safe namono any Asahela rahalahindrozy tanaly ta Gibeona tao ie. ³¹Hozao tiasa i Davida tamy Joaba noho olo iaby niarakany taminy rey: "Tataho ty sikinareo, misikina siky fisaonana, le manaova fisaonana aloha ty faty i Abnera." Le Davida mpanjaka le nandeha tafara ty faty iny tao tamy ty fotoa fandevena. ³²Nalevindrozy ta Hebrona tao i Abnera. Nitany noho nikoraky mare tamy lolo i abnera teo ty mpanjaka, le nitany iaby koa ty olo. ³³Nisaona any Abnera ty mpanjaka le nihira manao hozao:

" Tokony ho maty manahaky ty fahafatesa ty gegy va i Abnera? ³⁴Tsy nifehezy ty tananao. Tsy nasia ravaky vy ty tombonao. Fa manahaky ty fahavalo ty olo taloha ty anaky ty tsy famarinao ro namono anao." Le mbo nitany azy ndraiky ty olo iaby. ³⁵Niavy nampihina any Davida ty olo iaby tamy atoandro, fa Davida nifanata manao hozao: " Hanovin-Dranahary amiko lahy zay, sady mandilatsy aza, laha mampiakatsy ty mofo noho raha hafa zaho aloha ty hilenteha ty masoandro." ³⁶Hita ty olo iaby ty alahelo i Davida, le nankasitrahandrozy rey zay, araky ty fankasitraha ze tea ty mpanjaka iaby. ³⁷nihay ty olo Israely iaby tamy zay andro zay fa tsy faniria ty mpanjaka ty hamono any Abnera anakilahy Nera. ³⁸Hozao tiasa mpanjaka rey tamy mpanompony: " Tsy hainareo va fa mpanjaka noho bevata ro nimaty a Israely any androany? ³⁹Fa malemy zaho henanizao, ndra mpanjaka nohosora aza zaho. Azy lahilahy rey, anakilahy i Zeroia, le nahery loha tamiko. Hamaly ty mpanao raty lahy Yaveh amy ty fanasazia azy amy ty fharatiany, araky ze sahaza azy."

Chapter 4

¹Lafa nire Isboseta, anakilahy Saoly, fa maty ta Hebrona tany i Abnera, le nanjary namely ty tanany, sady nikoronta Israely iaby. ²Le ty anakilahy Saoly iny le nana roa lahy ze kapiteny ty vondro miaramila rey. Ty anara ty raiky le i Bana le ty raiky hafa koa le i Rekaba, anakilahy Rimona azy Berotita ba amy olo i Benjamina iny (safe i Berota avao koa le norambesy ho isa i Benjamina, ³le azy Berotita rey nilay ta Gitaima tany ka nipetraka tany zisiky amizao).⁴Le i Jonatana anakilahy saoly, le nana anakilahy ze malemy ty tombony. Limy tao ie lafa niavy ta Jezerela tao ty vaovao mikasiky any saoly noho Jonatana. Nandesy ty mpitaiza azy nilay ie Kanefa ie nilay iny, le niravoky ty anaky Jonatana le nanjary nalemy. Mefiboseta ty anarany.⁵Lafa zay ty anakilahy Rimona azy Berotita rey, i Rekaba noho Bana, le nandeha zisiky ty hafan'andro nandeha amy trano i Isboseta any, tamy ie nangalaky havozaaha tamy midi. ⁶Lentin-droro azy ampela mpiamby varavara iny lafa naniva vary, le i Rekaba noho Bana nandeha nitingatinga noho nandrio azy. ⁷Lafa nilitsy tan-trano tao ndrozy, le nanafiky azy le namono azy lafa niroro tan-kitrely tamy efitsy tranonony tao ie. Bakeo notapahandrozy rey ty lohany le nandesiny zay, le nandeha tamy lala teny tamy haly iaby nandeha amy Araba any.⁸Nandesindrozy tamy Davida ta Hebrona tao ty loha i Isboseta, le hozao tiasandrozy tamy mpanjaka: "Ingo, toy ty loha i Isboseta anakilahy Saoly, fahavalonao, ze nikinia ty ainao. Henanizao Yaveh le namaly faty ty mpanjaka tamy Saoly noho tarihany rey." ⁹Le namaly any Rekaba noho Bana rahalahiny i Davida, azy anakilahy Rimona rey azy Berotita rey; hozao tiasany tamindrozy: " Laha mbo velo avao koa Yaveh: "Laha mbo velo avao koa Yaveh, ze nanafaky ty aiko tamy koronta iaby,"¹⁰ lafa nisy olo nivola tamiko manao hozao: 'Ingo, maty i Saoly,' mieritseritsy fa manday vaovao soa zay, le nosamboriko ie le novonoako ta Ziklaga tany. Zay ty valisoa nameako azy noho ty vaovaony."¹¹Sandraky fa, lafa misy lahilahy mamono olo tsy mana hakeo tamy ty tranony manoka tao tamy kitreliny tao e tsy tokony hangataky ty liony antananareo eo va zaho, sady magnafaky a nareo an-tany etoy?" ¹²Bakeo Davida nanome baiko any pamaraky rey, le namono androzy rey le nanapaky ty loha noho ty tombondrozy sady nahantondrozy tanila ty dobo ta Hebrona tao. Fa naplandrozy ty loha Isboseta le naleviny tamy lolo i Abnera ta Hebrona tao zay.

Chapter 5

¹Bakeo ty foko Israely iaby nandeha amy Davida ta Hebrona any sady nivola hozao: " Ingo, nofotsy noho taola zahay. ²Mbo tsy ela zay, tamy Saoly mbo nanjaka tamitsika teo, le iha ro nitariky ty miaramila Israelita. Yaveh nivola taminao manao hozao: 'Hiamby any Israely oloko iha, sady hanjary mpanapaka amy Israely eo.'"³Le niavy tamy Mpanjaka ty tany ta Hebrona tany loholon'Israely iaby rey, le i Davida Mpanjaka nanao fanenkea tamindrozy rey tanatreha Yaveh. ⁴Nanosotsy any Davida ho mpanjaka tamy Israely teo ndrozy. Telopolo tao i Davida ro anomboky nanjaka, le nanjaka zisiky efa-polo tao ie. ⁵Ta Hebrona tany le nanjaka tamy Joda teo naharitsy ty fito tao noho enim-bola ie, le sady ta Jeroalema i nanjaka naharitsy ty telopolo telo amby tao tamy Israely teo noho Joda iaby ie. ⁶Nandeha ta Jerosalema tany ty mpanjaka noho olony rey mba hanohitsy azy Jebosita rey, azy mpipetraky tany rey. Hozao tiasandrozy tamy Davida: "Tsy ho avvy etoa iha laha tsy jiky noho mandringa ro hampipoly anao. Tsy afaka ho avy etoa i Davida." ⁷Ndra zay aza, le nandrafva ty fiarova amy i Zina, z tana i Davida henanzao i Davida. ⁸Tamy zay fotoa zay i Davida nivola hozao: " Azy manafiky Jebosita rey le tsy maintsy handalo amy ty lalan-drano mba ho hitanjaka ty 'mandringa noho ty jiky' ze fahavalo Davida." Zay ty ivola ty olo manao hozao: " Ty jiky noho mandringa le tsy mahazo militsy amy ty lapa." ⁹Le nipetraky tamy fiarova mafy tao i Davida. Nohamafisy ty manodiy zay, baka amy lavaranga eny mba anainy any. ¹⁰Nanjary natanjaky mare i Davida safe Yaveh, azy Ndranahary ty lako, ro niaraky taminy. ¹¹Bakeo i Hiram mpanjaka i Tyra naniraky mpanday hafatsy, noho hazo sedera, mpandrafitsy, sady mpanamboatsy trano tamy Davida. Nanamboatsy traho hoahy Davida ndrozy. ¹²Hainy Davida fa efa nanenga azy ho mpanjaka Israely Yaveh, sady fa nanondrotsy ty fanjakany noho Israely olony ie. ¹³Bakeo Davida niala ta Hebrona tao le nandeha ta Jerosalema tany, nanngalaky valy masay noho valy lakolako ta Jerosalema tany ie, le nisy analilahy lako noho anakampela lako naterany. ¹⁴Retia iaby ty anara ty anaky naterany ta Jerosalema tao: Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, ¹⁵Jibara, Elisoa, Nefaga, Jafia, ¹⁶Elisama, Eliada, le i Elifeleta. ¹⁷Lafa nire Filistina fa efa voahosotsy ho mpanjaka Israely i Davida le niboaky iaby ndrozy mba hila azy. Fe nahare anizay mikasika zay Davida le nandeha nijotso tamy fiarova mafy tany. ¹⁸Le niavy Filistina rey le niparitaky tambaibo i Refaima tany. ¹⁹Le nila fagnapea tamy Yaveh i Davida. Hozao tiasany: "Tokony hanafiky Filistina rey va zaho? Hanome fandreseha amindrozy rey va iha? Hoasa Yaveh tamy Davida: " Manafiha, fa hanome andresea ho ahinareo amy Filistina vanay zaho." ²⁰Le nanafiky ta Bala-Perazima i Davida, le tao ty nandreseany androzy. Nahare hevitsy hozao ie: " Nimeloky tamy fahavaloko rey tanatrehako manahaky ty siaky ty tondra-drano Yaveh." Le nanjary bala-Perazima ty anara ze toera zay. ²¹Nenga i Filistina teo ty sampindrozy le nandesy Davida noho lahilahiny lavitsy rey. ²²Bakeo le niakatsy ndraiky Filistina rey sady niparitaky fanindroa tambaibo tiahy Refaima teny. ²³Le nila fagnampea tamy Yaveh ndraiky Davida, le hoasa Yaveh taminy: " Ka manafiky ty alohandrozy rey iha, fa hiodakodako baka afarany ao ndrozy sady magnatona androzy baka amy hazo balsama eo. ²⁴Lafa nahare feo ty lia lako baka amy tsioky mitsioky baka amy tampo ty hazo balsama iha, le engaho hanafika amy ty hery. Anovo zay safe hiboaky aloha nareo mba hanafiky ty tafiky Filistina rey Yaveh." ²⁵Le tsy nanao araky ze nandidia Yaveh azy Davida. Novonoany nanomboky ta Geba le zisiky amy la lala iaby baka Gezera any Filistina rey.

Chapter 6

¹Le navory Davida niaraky ndraiky ty lahilahy Israely voatingy iaby, telo aly. ²Niongaky i Davida sady niaraky tany lahilahy rey iaby ze niaraky taminy anomboky ta Bala ta Joda tany mba hanonjo ty fiara Ndranahary, ze kaiha amy anara manao hozao Yaveh tompo ty lako, ze mipetraky ampiadana anabo ty Keobima eo bana any. ³Nenga ndrozy tanabo kalesy vaovao ty fiara Ndranahare. Naboakindrozy tan-trano ahy Abinadaba, ze tambohitsy raiky iny teo zay. Oza hoho Ahio, anakilahiny, ro nitari-dala azy kalesy vao vao iny. ⁴Naboakindrozy tan-trano i Abinadaba tanabo kalezy iny noho ty fiara Ndranahare tanabony teo. Ahio ro nandeha taloha fiara iny teo. ⁵Bakeo i Davida noho ty longo Israely iaby nanomboky nitsinjaky tanatreha Yaveh teo, nankalaza tany ty raha maneno vita baka amy hazo, lokanga, valiha, aponga tampaky, korintsana le kipsantsona. ⁶Lafa niavy tany ty toera famoria tahombary ahy Nakona ndrozy, le niravoky ty aomby, le Oza nanampatsy ty tanany mba haninto ty fiaran-Dranahare, le hitanjakay anizay ie. ⁷Le nirehitsy tany Oza ty heloky Yaveh. Namango androzy noho ty fahotany Ndranahare. Maty tanila ty fiara Ndranahary teo i Oza. ⁸Nimeloky Davida safe namango any Oza Yaveh, le nanoviny hozao Perez-oza ty anaranizay toera zay. Le toera zay le nikaiha hozao Perez-oza zisiky androany. ⁹Navaka any Yaveh i Davida tany zay andro zay. Hozao tiasany: "Manao va akory ro hiavia ty fiara Yaveh amiko atoy?" ¹⁰Le tsy naniry handay ty fiara Ndranahare niaraky taminy ho amy tana Davida ao ie. Fe, nihajariany tan-tranon'i Obed-edoma azy Gitita zay tao zay. ¹¹Niegnny tan-trano i Obed-edoma Gitita tao iny naharitsy ty telo vola ty fiara Yaveh. Lafa zay le nitahia Yaveh ie noho ty longony iaby. ¹²Le nivolany tany Davida Mpanjaka manao hozao: "Fa nitahy ty trano Obed-edoma noho ty kila raha iaby ze tiazy Yaveh noho ty fiara Ndranahare." Lafa zay le nandeha i Davida sady nanday ty fiara Ndranahare niakatsy baka a Obed-edoma tany amy ty fifalea ho a my tana Davida any. ¹³Lafa ineny namindra azy mpanonjo ty fiara Ndranahare rey, le nanao soror aomby raiky noho anakaomby noharia ie. ¹⁴Nitsinjaka tanatreha Yaveh tany heriny iaby i Davia; efoa rongony foty maliniky avao ro nisikinany. ¹⁵Lafa zay le nandesy Davida noho ty longony Israely iaby niakatsy niaraky tany korakoraky noho feo anjomara ty fiara Yaveh, ¹⁶Lafa niavy tan-tana i Davida tao ty fira Yaveh, le nijilo tany lafenety teo i Mikala, anakampela i Saoly. Nahita any Davida Mpanjaka nitsambokomboko noho nitsinjaka tanatreha Yaveh teo ie. Bakeo le tsy nampisy dikany azy tanainy tao ie. ¹⁷Nampilirindrozy ty fiara Yaveh le nengany tany toerany teo zay, tanivo ty lay zefa namboary Davida ho tiazy. Bakeo Davida nanesy fanday oroa noho fandaim-pilongoa tanatreha Yaveh teo. ¹⁸Lafa via Davida ty fanday oroa noho fandaim-pilongoa, le nanipy rano ty olo amy anara ty Yaveh tompoa ty lako ie. ¹⁹Le nizara mofo, tapan-kena, sady mofo mamy misy voaloboky tany olo iaby, ty Israeli iaby, tany ty lahilahy noho ty ampela ie. Le samby nimpoly tan-tranony iaby ty olo. ²⁰Le nimpoly mba hitsipy rano ty longony i Davida. Mikala, anakampela i Saoly iny, le niboaky mba hitsena any Davida le nivola hozao: "Ho ty vonianahtsy ty mpanjaka Israely henanizao, ze nanary ty sikiny tamaso ty andevo ampela anay ty mpanompony rey, manahaky ty raiky amy ty mpanjiva ze tsy mana henatsy manary ty sikiny!" ²¹Namaly any Mikala nanao hozao Davida: "Nanoviko tanatreha Yaveh zay, zay nitingy ahy ho anabo y babanao noho ho anabo ty longony iaby, ze nitingy ahy ho mpitariky amy ty olo Yaveh, imaso Israely eo. Anatreha Yaveh eo ro ifaliako!" ²²Mbo tsy man-boninahitsy mandilatsy zay aza zaho, sady ho latsa-baraka imasoko eo avao koa zaho. Kanefa amy ty alala ty andevo ampela ze nivolaninao rey, ro hanomezam-boninahitsy ahy." ²³Lafa zay Mikala, anakam-pela i Saoly, le tsy hanan-janaka baka amy ty andro hahafaty azy.

Chapter 7

¹Lafa nipetraky tan-tranony tao ty mpanjaka, sady lafa nanome fitsahara az tamy fahavalony mihodidy azy rey iaby Yaveh, ²le hoasa ty mpanjaka tamy Natana mpaminany : " Ingo, mipetraky amy trano sedera zaho, fa ty fiara Ndranahare kosa miegny anivo ty lay ao."³Le hoasa natana tamy mpanjaa iny: " Mandina, anovo ze anainao ao, fa hiaro anao Yaveh." ⁴Fe tamy halinio avao le niavy tamy Natana ty safa Yaveh, le nanao hozao: ⁵"Mandina le volano hozao i Davida mpanompoko: 'Zao ty vola Yaveh: 'Hanamboatsy trano hipetraha ho tiahy va iha?'⁶Fa tsy nipetraky an-trano tao Zaho baka amy ty andro ze nanandesako ty olon'Israely niakatsy baka ta gypta tao zisiky henanizao; fe, nifalofalo lay Zaho, le ty tabernakely. ⁷Tamy ty kila toera iaby ze nifalozako niaraky tamy ty olo Israely iaby, va nivola ndra ino ndra ino tamy ty mpitariky Israely ze nitinginiko hiamby Israely oloko va Zaho, nanao hozao: " Manino va nareo tsy manamboatsy trano sedera ho Tiahy?"⁸Le henanizao volano Davida mpanompoko manao hozao: " Zao ty vola Yaveh tomoa ty lako: 'Nalabo baka ambaibo tao iha, tamy fanaraha aondry rey, mba ho mpanapaky Israely oloko iha. ⁹Niaraky taminaoa avao Zaho ndra taia ndra taia nandinanao. Nafahako talohanao iaby ty fahavalona . Henanizao hanoviko ho bevata ty anaranao, manahaky ty anara ty be tan-tany atoy.¹⁰Hitingy toera raiky hoahy Israely oloko Zaho sady hambly any ndrozy , mba hiay amy toeran-drozy rey eo sady tsy ho voakoronta sasy. Tsy hampijaly anndrozy sasy ty olo raty fanahy, manahaky ty nanovindrozy taloha,¹¹ manahaky ty nanovindrozy tamy ty andro nandidiako ay mpitsara rey mba hanapaka any Israely oloko iaby. Henany zao Zaho le hanome fiala vozaky anao amy fahavalonao rey. Ho tovonizay, Zaho, Yaveh le mivola amianao fa hanao trano ho ahianao Zaho.¹²Lafa vita ty androany le ho maty miaraky amy ty razambenao iha, le hananga tariha hisolo anao Zaho, ze ho avy baka amy vatanao, le hampipetrakako ty fanjakany. ¹³Hanamboatsy trano hoahy ty anarako ie, sady hamitiky ty seza fiadana ty fanjakany mandrakizay Zaho. ¹⁴Ho babany Zaho, le ie ho tianako. Lafa manota ie, le hananatsy azy amy ty tahon-kobay ty olo noho amy ty famangoa ty anakinolo Zaho.¹⁵Fa ty fahatokiako le tsy hanenga azy, laha nafahako tamy Saoly zay, ze nalako talohanao. ¹⁶Ty tranonao noho ty fanjakanao le ho azo antoky mandrakizay anatrehanao eo. Hipetraky mandrakizay ty seza fiadananao."¹⁷ Le nivola tamy Davida i Natana sady nitatitsy tamy safa iaby rey sady nivolaniny taminy ty miaksiky fahita iaby iaby.¹⁸Le nilitsy Davida mpanjaka le nipetraky taloha Yaveh le nanao hozao: " Ia va zaho, lahy Yaveh Ndranahare, sady ino ty longoko ro nandesy hoamy zao fikasa zao zaho? ¹⁹Sady raha kely iamsonao eo zay,lahy Tompo Yaveh. Nivola ty mikasiky ty longo ty mpanomponao amy ty raha bevata ho avy Iha, sady nampitoro taranaky fara mandimby tamiko, lahy Tompo Yaveh! ²⁰Ino va ty mbo azoko, zaho Davida volany aminao? Nanome voninahitsy ty mpanomponao Iha, lahy Tompo Yaveh.²¹Noho ty safanao , noho mba hanatanteraky ty fikasanao manoka, le nanao zao raha bevata zao Iha sady nampitoror anizay tamy mpanomponao. ²²Lafa zay le Bevata Iha, lahy Tompo Yaveh, safe tsy misy manahaky Anao, sady tsy misy Ndranahare hafa mandilatsy Anao, araky ze fa nire ty sofinay avao. ²³Ino va ty firenena manahaky an'Israely olonao, azy firenena an-tany eto zay, nandinao Ndranahare noho nivonjeanao hoahy ty vatanao? Nanovinao zao mba ho hanjary olonao ndrozy, mba hanao anara hoahy ty vatanao, sady mba hanao asa bevata noho mampavaka hoahy ty taninao. Nandroaky ty firenena rey noho Ndranaharin-drozy taloha ty olonao, ze novonjeanao baka ta gypta tao Iha.²⁴Nenganao natokanao manahaky ty olonao mandrakizay Israely, le Iha, Yaveh le nanjary Ndranaharindrozy. ²⁵Le henanizao, lahy Yaveh Ndranahare, enganie ho henga mandrakizay ty fampitama ze nanovinao mikasiky ty mpanomponao noho ty longony. Anovy araky ty fa nivolaninao. ²⁶Ho bevta mandrakizay lahy ty anaranao, le hivola hozao ty olo: 'Yaveh tompoa ty lako ro Ndranahare Israely,' lafa henga anatrehanao, ty tranoko, Davida mpanomponao.²⁷Safe Iha, Yaveh tompoa ty lako, azy Ndranahary Israely, ro nanambara tamy mpanomponao fa fanamboatsy trano ho tiazy Iha. Zay ty antony, ze nahitako, zaho mpanomponao, fahzotoa hivavaky Aminao.²⁸ Henanizao, lahy Tompo Yaveh, le Ndranahare Iha, sady maeva hatokisa ty safanao, sady nanao fampanantena soa io tamy ty mpanomonao Iha. ²⁹Le henanizao, engaho hahafaly anao ty trano ty mpanomponao, mba hitohy alohanao eo mandrakizay zay. Safe Iha, lahy Tompo Yaveh, ro nivola raha rey, sady tamy ty tsipiranonao ro nitahia mandrakizay ty trano ty mpanomponao."

Chapter 8

¹Tafaran'izay le nanafika Filistinarey i Davida le nandresy androzy. Lfa zay le nala i Davida tsy ho amy fifeheza ty Filistina i Gata noho ty ana- boniny.²Le naharesy ty Moabita ie le nanametatsy ty olon-drozy rey tamy kititsy tamy fampatoria androzy tamy tany teo. Nanametatsy indroa ty tsipiky ie mba hamonoa, sady indraiky avao mba hitanjaha ho velo. Le nanjary mpanompo i Davida azy Moabita rey sady nanomboky nandoa haba taminy.³Le niresin'i Davida i Hadadezera anaky Rehoba, azy mpanjaka i Zoba, lafa nandeha nampipoly ty fanjakany tannila ty rano Eofrata i Hadadezera. ⁴Nandrava kalesy 1,700 noho miaramila an-tomboky roa aly baka amy Davida. Nala i Davida iaby ty kalesin-tsoavaly iaby, fa nanoka ze tokony ho ampy ty kalesy zato tamindrozy rey ie.⁵Lafa niavy hagnampy any Hadadezera mpanjaka tiahy Zoba ty Syriaana baka a Damaskosy any, le nahafaty lahilahy Syriaana roe aly sy roa arivo i Davida. ⁶Bakeo i Davida nanega miaramila ta Syria a Damaskosy any, le nanjary mpanompony le nandoa haba taminy ty Syriaana rey. Nampandresy any Davida tamy zay tany iaby nandinany Yaveh.⁷Le nala i Davida ty fialia volamena ze tamy ty panompo i Hadadezera le nandesiny ta Jerosamela rey. ⁸Bakeo i Davida mpanjaka le nagnalaky saba le vatany lako baka ta Beta noho ta Berotahy tao, tana i Hadadezera. ⁹Lafa nire i Toy, mpanjaka any Hamata, fa nandresy ty miaramila i Hadadezera iaby i Davida,¹⁰le nirahan'i Toy hoamy Davida mpanjaka i Jorama anakiny mba hiarahaba azy noho nanipy rano azy, safe i Davida nialy tamy Hadadezera le nandresy azy, sady safe Hadadezera le nialy tamy Toy. Gorama le nanday raha vita baka amy volafoty, volamena sady saba niaraky taminy.¹¹Davida mpanjaka le nanoka raha rey hoahy Yaveh, niaraky tamy volafoty noho volamena firenena ze resy iaby rey— ¹²baka amy Syria, Moaba, olon'i Amona rey, Filistina rey, noho Amaekita rey, niaraky tamy tana iaby voaraoba tamy Hadadezera anaky Rehoba rey, mpanjaka i Zoba.¹³Malaza ty anara i Davida lafa baka nandresy Syria tamy ty baibon-tsira, niaraky tamy lahilahy ray aly sy valo arivo ndrozy rey. ¹⁴Nanengany miaramila heniky any Edoma iaby le nanjary mpanompony. Le Yaveh nampandresy any Davida tamy ze nandinany iaby.¹⁵Nanjaka tamy Israely iaby i Davida, sady nanday hato, noho fahamarina tamy olo iaby ie. ¹⁶Joaba anaky Zeroiara mpifehy ty miaramila. ¹⁷Zadoka anaky Ahitoba noho Ahimeleka anaky Abiatara ro mpisoro, sady i Seraia ro mpanoratsy lily. ¹⁸Benaia anaky Joiada ro nifehy Heretita noho Paletita rey, sady anaky Davida rey ty mpanome hevitsy ty mpanjaka.

Chapter 9

¹Hozao tiasa Davida: " Misy olo nenga ze afaky hampiboahako hasoa teotsy noho ay Jonatana va amy ty longo i saoly?" ²Nisy mpanompo raiky nikaiha hozao: Ziba tamy longo i Saoly, le nikaiky azy hoamy Davida ndrozy. Hozao tiasa mpanjaka taminy: "Iha va ro i Ziba?" Le namaly hozao ie: "ka, mpanomponao zaho."³Le hozao tiasa mpanjaka: "Tsy misy olo sisa ze azoko hanaboahako ty hasoa fanahy Ndranahare va baka amy ty longo i Saoly?" Namaly ty mpanjaka i Ziba le nanao hozao: " Jonatana le mbo mana anakilahy, ze malemy ty tombony." ⁴Hozao tiasa mpanjaka taminy: " Ia va ie?" Le namaly ty mpanjaka i Ziba nanao hozao: " Ingo, an-trano i Makiara anakilahy Amiela a Lo-debara any ie."⁵Bakeo i Davida mpanjaka naniraky azy noho nampiboaky azy tan-trano i Makira anakilahy Amiela baka ta Lo-debara tany. ⁶Lafa zay Mefiboseta anaky Jonatana anakilahy saoly, le nandeha amy Davida eo le nampandohaliky ty vatany tany tany teo ho voninahitsy Davida. Hoasa Davida: " Mefiboseta." Le namaly hozao ie: "Ingo, mpanomponao zaho!"⁷Hoasa Davida taminy: " Ka mavaka, fa hampitoro hasoa fanahy aminao ho ahy Jonatana noho amy ty babanao vatany zaho, sady hanampoly aminao ty tany saoly razanao iaby zaho, sady hihina an-databoko zisiky amparany iha." ⁸Nandongaliky i Mefiboseta sady nanao hozao: " Ino ty mpanomponao toy, ro tokony hagnenty amy ty sitraky alika maty manahaky ahy va iha?"⁹Bakeo mpanjaka nampikaiky any Ziba, mpanompo Saoly, sady anao hozao taminy, sady nanao hozao: "Ze tiahy saoly noho ty longony iaby le nameako ty zafy ty tomponao."¹⁰ Iha, azy anakilahinao rey, sady mpanomponao rey le tsy maintsy miasa ty tany ho gnazy sady tsy maintsy mamory ty vokatsy iha mba hanagna ty zafy ty tomponao hany ho hany. Fa Mefiboseta , zafy ty tomponao, letsy maintsy hihina sanandro an-databoko eo." Le i Ziba le nanan-janaky lahilahy folo limy amby noho mpanompo roapolo.¹¹Bakeo i Ziba nivola tamy mpanjaka manao hozao: "Ho hanovy ty mpanomonao ze kila raha andidia mpanjaka tompoko ty mpanompony." Le notovona ty mpanjaka manao hozao: ¹²"Laha amy Mefiboseta le hihina an-databoko ie, manahaky ty raiky amy anakilahy ty mpanjaka." Manan-janaky lahy tanora kaiha hoeMika i Mefiboseta. Ty ze nipetraka tan-tranoi Ziba tao le mpanompo i Mefiboseta iaby. ¹³Le nipetraka ta Jerosalema tany i Mefiboseta, sady nihina tan-databo ty mpanjaka saky sanandro ie, ndra malemy aza ty tombony roe.

Chapter 10

¹Tafara taoty l nimaty ty mpanjaka ty olony Amona, le nanjary mpanjaka tamy toerany i Hanona anakilahiny. Hozao tiasa Davida: " ²Hanao soa amy anaky Hanona anaky Nahasy zaho, manahaky ty nanovanao ty babany soa tamiko." Le nandefa mpanompony rey hampahery any Hanona mikasiky ty babany i Davida. Nilitsy tamy taniny ty olo i Amona mpanompony rey. ³Fe hoasa mpitariky ty olo Amona tamy i Hanona tompondrozy rey manao hozao: " Mihevitsy vatany va iha fa manome voninahitsy ty babanao i Davida safe nandefa mpanompony hampahery anao ie? Tsy efa nandefa mpanompony tamyinao va i Davida mba hagnenty ty tana. Hanara-maso anizay, mba handrava anizay?" ⁴Le nosambory Hanona azy mpanompo Davida rey, Noharatany ty vaoky ndrozy ilany, notapahany baka amy foto-peny ty sikindrozy rey, sady noroasiny. ⁵Lafa nanazava zay tamy Davida ndrozy, le nandefa olo hitsena androzy ie, safe latsa-baraka tanteraky iaby lahilahy rey. Hoasa ty mpanjaka: " Mipetraha a Jeriko zisiky itiria ty volombavanareo ndraiky, sady mimpolia bakeo." ⁶Lafa hita ty olo Amona fa nanjary nafaitsy holitsy tamy Davida ndrozy, le nandefa mpanday hafatsy ty olo Amona sady nanakarama Syriaana rey baka ta Beti-rehoba noho Zoba, miaramila nandeha tomboky roa aly, noho lahilahy arivo tamy mpanjaka i Maka, sady lahilahy ray aly sy roa arivo tamy olo i Toba rey. ⁷Lafa nahare anizay i Davida, le nandefa any Joaba noho ty miaramila iaby ie. ⁸Niavy azy Amonita rey sady nilahasy nialy tamy filira tamy vavahady ty tanandrozy, laha mbo nitsanga tamy ty baibo malalaky azy Syriaana baka a Zoba noho Rehoba rey, sady olo baka a Toba noho Maka rey. ⁹Lafa nahita ty fahavalony nitsanga talohany noho tafarany tao i Joaba, le ningingy ty ilany ze mahay mialy mare ie sady nandamy androzy hialy amy Syriaana rey. ¹⁰Lafa amy miaramila sisa tavela, le notorany ho baiko i Abisat rahalahany, le nahatsny hialy amy miaramila i Amona ndrozy. ¹¹HOzao tiasa i Joaba: " Laha mafy mare hoahy azy Syriaana rey, le iha, Abisay, ro tsy maintsy manavotsy ahy. Fa laha mafy mare ho ahinareo ty miaramila i Amona, le ho avy zaho sady hanavotsy anareo. ¹²Mahareza, sady ndao tsika haneho ty hatanjahatsika noho ty tana ty Ndranaharetsika, safe Yaveh le hanao ze soa ho amy ty tanjony." ¹³Le nandrosoi Joaba noho miaramila tamy tafikiny rey mba hialy hanohitsy azy Syriaana rey, ze tsy maintsy nilay tanatreha ty miaramila Israely teo. ¹⁴Lafa nahita ty miaramila Syriaana nilay rey ty miaramila i Amona, le nilay any Abisay avao koa ndrozy sady nimpoly tamy ty tana tao. Bakeo i JOaba nimpoly baka amy olo Amona sady nimoly ta Jerosalema tany. ¹⁵Lafa nihita Syriaana fa ho resy Israely ndrozy, le niharo raiky ndraiky ndrozy. ¹⁶Bakeo i hadadezera nampikaiky vondro Syriaana baka ampita ty renirano Eofrata. Niavy ta Helama tao niaraky tamy Sobaka, azy mpifehy ty miaramila i Hedadezera bendrozy rozy. ¹⁷Lafa nivolana anizay i Davida, le namory Israely iaby ie, niampita ty Jordana, e niavy ta Helama tany. Nilahatsy hialy hanohitsy any Davida azy Syriaana rey sady nialy taminy. ¹⁸Nilay any Israely Syriaana rey. nahafaty miaramila mpanday kalesy fiton-jato noho mpitikitsy soavaly efatsy aly Davida. Naratsy i Sobaka mpifehy ty miaramilandrozy sadynimaty tany. ¹⁹Lafa nihita ty mpanjaka iaby ze mpanompo i Hadadezera fa resy Israely ndrozy, le nanao filongoa tamy Israely ndrozy le nanjary mpanompony. Lafa zay Syriaana rey le navaka ty hagnampy ty olo i Amona.

Chapter 11

¹lafa niavy ty lohantao, amy ty fotoa ze fandina ty mpanjaka hialy, le niraha i Davida i Joaba, mpanompony, nohoty miaramila Israely iaby. Nandrava ty miaramila i Amona sady nanao aritsatoky any Raba ndrozy. Fe nijano ta Jerosalema avao i Davida.²Lafa niavy ty haly le nifoha tan-kitreliny teo i Davida le nandeha tamy ty tafo ty lapany. Bakeny ie ro nahajilo ampela raiky ze tamy fandroa, le vatany soa hentea ampela iny.³Lafa zay le nandefa noho nanontany olo ze mahay ampela iny i Davida. Nisy olo raiky nivola hozao: "Tsy i Batseba, anakampela i Eliama va zay, sady tsy azy valy i Oria azy Hetita iny va zay?"⁴Le nandefa mpanday hafatsy i Davida sady nangnalaky azy; le niavy taminy tagny ie, le niaraky nandry taminy ie (safe mbo baka nanasa ty vatany tamy ty liony ie). Bakeo le nimpoly tan-tranony tany ie.⁵Nitrony ampela iny, sady nampaniraky noho nivola any Davida ie; le hozao tiasany: "Trony zaho."⁶Bakeo i Davida nampaniraky tamy Joaba nanao hozao: "Ampandinao amiko atoy Oria Hetita iny." Le nampanina i Joaba tamy Davida tany i Oria.⁷Lafa niavy Oria, le nanontany azy manao hozao Davida nanao akory i Joaba, nanao akory ty miaramila, sady nanao akory ty fandeha ty aly.⁸Le hoasa Davida tamy Oria: "Mijotsoa amy tranonao any, sady sasao ty tombonao." Le niala tamy lapa ty mpanjaka tao i Oria, le nandefa fanomeza hoahy Oria ty mpanjaka tafara ty nandinany.⁹fa nandry tambaravara ty lapa ty mpanjaka niaraky tamy mpanompo ty tompo iaby i Oria, sady tsy nijotso tan-tranony tany ie.¹⁰Lafa nivola tamy Davida manao hozao ndrozy: "Tsy nijotso tan-tranony tany i Oria", Le hhoza tiasa i Davida tamy Oria: "Tsy baka nandeha va iha? Nanino va iha tsy nandeha nijotso tan-tranonao tany?"¹¹Namaly hozao any Davida i Oria: " Fiara iny, noho Israely sady i Joda le miegny amy lay rey ao, le i Joaba tompoko noho ty tompo ty mpanompoko rey le nivoery tan-doha ty baibo tany. Manao akory ty hahazako mandeha an-tranoko any mba hihina noho hino sady hatory hiaraky amy ty valikp? Laha mbo velo vatany iha, le tsy hanao anizay zaho."¹²Le hoasa i Davida tamy Oria: " Mienena eto aloha androany, fa lafa hamaray iha engako handeha." Le niegny ta Jerosalema tamy andro io noho tamy hamaray i Oria.¹³Lafa nikaiky azy Davida, le nihina noho nino tanatrehany teo ie, sady nimamoa i Davida ie. Lafa halininy Ory le niboaky mba hiroro miaraka amy ty mpanompony ty tompony tamy kitreliny eo; tsy nandeha nijotso tan-tranony tany ie.¹⁴Lafa maray le nanoratsy taratasy hoahy Joaba i Davida, le nandefa anizay tamy alala ty tana i Oria.¹⁵Davida nanoratsy tamy taratasy mivola hozao: " ngaho aloha ty aly mare i Oria, le miala aminy eo bakeo, mba mety ho voavango noho maty ie."¹⁶Lafa nanao aritsatoky tamy tana teo i joaba, le nitingy any Oria tamy ty toera ze nahaiza ty miaramila fahavalo matanjaka mare hialia ie.¹⁷Lafa niboaky ty lahilahy ty tana sady nialy tamy miaramila i joaba, le nimaty ty ilany tamy miaramila i Davida, sady Oria Hetita iny avao le nimaty tany.¹⁸Lafa nandefa ty safa tamy Davida tany mikasiky ty aly i Joaba,¹⁹le nandidy ty mpanday hafatsy ie, nivola hozao: " Lafa voavonao tamy mpanjaka ty kila raha iaby mikasiky ty aly iny,²⁰ty mety hiseho le ho meloky ty mpanjaka, le hivola hozao aminao ie: 'Nanino iha ro naritsy mare ty tana ro nialy? Tsy hainao va fa mety baka amy ty manda eny ndrozy ro hitifitsy?'²¹Ia ty namono any Abimeleka anaky Jerobeseta? Va tsy ampela raiky fa ro nanoraky vato fikoseham-bary taminy baka amy manda teny, ze nahafaty azy ta Tebeza? Nanino iha ro le vatany tanila ty manda ro nandeha?' Sady tsy maintsy hamaly manao hozao iha: " Oria Hetita mpanomponao avao koa le nimaty."²²Lafa zay le nandeha ty mpanday hafatsy sady nandeha tamy Davida tany noh nivola taminy ty kila raha iaby ze nanira i Joaba azy ho volany.²³Le hozao tiasa ty mpanday hafatsy tamy Davida: " Natanjaky mandilatsy anay ty fahavalo tam-boalohany tany; nivoaky nandeha aminay tam-baibo eo ndrozy, fa fa norambesinay nimpoly tamy filira tamy vavahady tany."²⁴Bakeo nitifitsy tamy Miaramilanao tany baka amy ty manda ty mpitifitsy ndrozy, le nimaty ty ilany tamy ty mpanompo ty mpanjaka, le maty avao koa i Oria Hetita mpanomponao iny."²⁵Le hozao tiasa i Davida tamy azy mpanday hafatsy iny: ' Volano any Joaba zao: " ka atao mahameloky anao toy, fa ty mesobe le handrava olo raiky noho raiky hafa. Tindriako mare hanohera tana iny ty alinao, le ravao zay,' sady amporisiho ie."²⁶Ka lafa nire ty valy Oria fa maty i Oria valiny, le vatany nisao ty valiny ie.²⁷Lafa niafaky ty alahelony, le nampaniraky noho nampipoly azy tamy lapany tany i Davida, le nanjary valiny ie sady niteraky aja lahilahy taminy. Kanefa tsy nankasitraha Yaveh ty natao Davida.

Chapter 12

¹Le nampandina Yaveh tamy Natana i Davida. Niavy taminy teoie sady nivola hozao: "Ndraiky andro nnisy lahilahy roe tamy tana raiky tao. ²Mpanarivo ty lahilahy raiky le ty raiky hafa mijaly. Azy raiky mpanarivo iny mana aondry noho ty aosy noho ty aomby maro biby, ³fa azy raiky nijaly iny tsy nana dra ino ndra ino hafa tsy aondry vavy maliniky raiky, ze noviliany noho nifahanany sady nihariany. Niaraky bevata aminy noho tamy anany rey zay. Niaraky nihina taminy noho nino tamy ty kapoakiny mihintsy aza aondry iny, sady niroro tamy ty sandriny manahaky ty anakampelany zay." ⁴Ndray andro le nisy mpamangy niavy niavy tamy lahilahy mpanarivo iny tao fa tsy te hangalaky biby raiky baka amy ty vondro ty aondry noho ty aosiny noho ty aombiny rey mba hanome ho hany ho hognazy azy lahilahy mpanagnarivo iny. Fa ty aondry vavy kely azy lahilahy mijale iny nalany le niketrehany hoahy azy namangy azy zay." ⁵Nimeloky tamy ty lahilahy mpagnarivo i Davida, le nivota tamin-keloky tamy Natana le nanao hozao: " Laha mbo velo avao Yaveh, le maeva ho vonoa ho maty ty lahilahy ze nanao anizay." ⁶Tsy maintsy onerany efatsy heny ty anakaondry safe nanao raha manahaky anizay ie, sady safe tsy niferinay tamy lahilahy mijale ie." ⁷Le hoasa i Natana tamy Davida: "Iha lahilahy zay! Yaveh azy Ndranahare Israely, nivola hozao: 'Nanosotsy anao ho mpanjaka Israely Zaho, sady namonjy anao hiala tan-tana i Saoly teo. ⁸Nanome anao ty trano ty tomponao Zaho, sady ty valy tomponao rey ho an-tsandrinao eo. Nameako anao avao koa ty longo Israely noh Joda. Fa laha mbo kely mare zay, e hanome anao raha hafa ho fanampiny zaho.' ⁹Le nanino iha ro tsy nampisy dikany ty lily Yaveh, sady nanao ze raty tamasony teo? Novonoanao tamy mesobe i Oria Hetita iny sady nalanao ho valinao ty valiny. Novonoanao tamy ty mesobe ty miaramila i Amona ie. ¹⁰Le henanizao le tsy hiala amy ty tarihanao mandrakizay ty mesobe, safe tsy nampisy dikany ahy noho nangalaky ty valy Oria azy Hetita iny hanjary valinao iha." ¹¹Hozao tiasa Yaveh: 'Ingo, hananga loza hanohitsy anao baka amy ty longonao avao Zaho. Aloha ty masonao eo avao, ro hangalako ty valinao sady hanomezako azy hoahy namanao rey, sady hiaraky handry amy ty fahalalaha amy valinao rey lafa midi mena ie. ¹²Fa nivony nanota iha, fe hanoviko anatreha Israely iaby zay raha zay, sady midi mena.'" ¹³Le hozao tiasa i Davida tamy natana: " Nanota tamy Yaveh zaho." Namaly any Davida manao hozao Natana: " Nenga Yaveh avao koa ty fahotanao. Tsy hovonoa iha. ¹⁴kanefa tamy alala zay fihetsika zay ro tsy nampisianao dikany any Yaveh, le ho maty vatany ty anaky ze aterakinao." ¹⁵Bakeo le niala i Natana le noly tan-tranony tany. Nandrava ty anaky ze nateraky valiny Oria tamy davida Yaveh, le siloky mare ie. ¹⁶Bakeo i Davida nangataky mare tamy Ndranahare hoahy aja lahilahy iny. Nifaly hany i Davida sady nilitsy tao le niroro tamy tany zisiky haly iaby. ¹⁷Azy be ty tranony rey le niegny noho nitsanga tanilany teo, mba hampiary azy baka amy tany eo, fa tsy nahefa niary ie, sady tsy nahefa nihina hany niharo amindrozy. ¹⁸Le tamy faha fito andro ro nahafaty any aja lahilahy iny. Azy mpiasa Davida rey le navaka ty hivola aminy fa maty aja iny, fa hozao tiasandrozy: " Ingo laha mbo velo aja iny le hivola aminy zahay, sady tsy hijanjy ty feonay ie. Ino va ro mety hanoviny amy ty vatany laha mivola aminy zahay fa maty aja lahilahy iny?" ¹⁹Fa lafa nihita i Davida fa nifampibitsibitsiky mpanompony rey, le hay davida fa maty aja iny. Hozao tiasany tamy mpanompony rey: "Maty va aja iny?" Namaly hozao ndrozy: "Maty ie." ²⁰Le nitsannga baka amy tany teo i Davida sady nanasa ty vatany, nilemy soliky, sady nisolo ty sikiny. Naneha amy tabernakely Yaveh ie sady nanao fanompoam-pivavaha tany, le bakeo nimpoly noly tamy lapany tany ie. Lafa nangataka ie, le nengandrozy talohany teo ty hany, le nihina ie. ²¹Le bakeo azy mpanompony rey nivola hozao taminy: " Nanino va iha ro nanao manahaky zay? Nifaly hany iha sady nitany tamy aja iny tamy ie mbo velo, fa lafa nimaty aja iny, le nitsanga iha sady nihina." ²²Le namaly hozao Davida: "Laha mbo velo aja iny le nifaly hany noho nitany zaho. Hozao tiasako: 'Ia ty mahay na hiferinay ahy Yaveh na aha, ka mety ho velo aja iny' ²³Fa henanizao ie nimaty, ka manino zaho ro tokony hifaly hany? Afaka hanampoly azy ndraiky va zaho? Handeha ho aminy any zaho, fa tsy himpoly amiko ie." ²⁴Nampiono any Betseba valiny Davhida, sady nilitsy taminy tao, le niara nandry taminy. Tafara tatoy le niteraky anakilahy ie, sady nameany nara hoe Salomona aja iny. Nitea azy yaveh ²⁵sady nandefa safa tamy natana mpaminany le mba hanao ty anarany hoe Jedidia, safe tea azy Yaveh. ²⁶Le nialay tamy Raba i Joaba, azy tana ty mpanjaka ty olo i Amona, le niazony ty fiarova mare. ²⁷Lafa zay le nandefa mpanday hafatsy hoahy Davida i Joaba sady nivola hozao: "Nialy tamy Raba zaho, le nalako ty faman-tsian-drano tany iny. ²⁸Henanizao avorio miaraky ty sisa tavela tamy miaramilanao le mivoria hanohitsy tana iny sady alao zay, safe laha alako tana io, le handay ty anarako zay." ²⁹Le namory ty miaramila iaby i Davida le nandeha ta Raba tany; nialy tamy tana iny ie sady nandrava anizay. ³⁰Nafahany Davida tamy ty loha ty mpanjakandrozy ty satro-boninahitsy--talenta volamena raiky ty lanjanizay, le nisy vato sarotsy tanainy zay tao. Nenga tanabo ty loha i Davida azy satro-boninahitsy iny. Bakeo le nandesiny niboaky ty gadra ty tana maro biby rey. ³¹Nandesiny niboaky olo ze tamy tana iny tao sady nisereny hiasa amy ty lasy, noho vy fanapitiha, sady famaky ndrozy; nampiasany hiasa tany tamy

lafaoro fagnoroa boriky ndrozy. Nangataha i davida mba hanao zay asa zay ty tana ty olo i Amona iaby. Bakeo le nimpoly nandeha ta Jerosalema tany Davida noho ty miaramila iaby.

Chapter 13

¹Le tarafaranizay i Amnona anakilahy Davida, le vatany nitea any Tamara anabaviny ampela soa, ze vatany anabavy Absaloma, anakilahy davida hafa. ²Nialy say mare i Amnona le nanjary siloky ie noho i Tamara anabaviny. Mbo tsy mahasaky lahy ie, sady ohatsy tsy mety amy Amnona mihintsy ty hanao raha aminy. ³Fa i Amnona le nana nama ze Jonadaba ty anarany anakilahy Simea, rahalahy Davida. Joanadaba le vatany lahilahy mahihitsy. ⁴Hoasa i Jonadaba tamy Amnona: "Nannino, iha, anaky mpanjaka, ro kivy saky maray va iha? Tsy nivola tamiko va iha?" Le namaly azy hozao i Amnona: "Teako i Tamara, anabavy i Absaloma rahalahiko." ⁵Le hoasa i Jonadama taminy: "Mirora amy ty kitrelinao eo sady manaova kisay siloky. lafa avy hagnenty anao ty babanao, le anontanio hozao ie: 'Afaky ampandinanao amiko atoy va i Tamara anabaviko azafadddy mba hanome raha ho haniko noho hiketsiky ze alohako eto, le mba hahaizako mahita anizay noho mihina anizay baka amy ty tanany?'"⁶Lafa zay le niroro i Amnona le nanao kisary siloky. lafa avy nagnety azy ty mpanjaka, le hozao tiasa i Amona tamy mpanjaka: "Mba ampandinanao lahy tamara anabaviko mba hanao hany alohako eto amy aretiko zao mba hahaizako mihina ze baka amy ty tanany."⁷Le nandefa safa baka amy tamara tan-dapany tao i davida, nanao hozao: "Mandina amy tranony Amnona anadahinao zao le mikarakara hany ho tiazy." ⁸Le nandeha tan- tranony Amnona anadahiny tamy ze niroroany i Tamara. nangalaky koba ie le nanao boribory anizay le nanamboatsy mofo tamasony teo. ⁹Nalainy ty finga le nameany azy ty mofo, fa nanda tsy nihina ie. Le bakeo hoasa Amnona tamy hafa ze teo: "Aboaho ambalika any ty olo iaby, ho lavitsy ahy." Le nandeha niala taminy teo iaby ty olo. ¹⁰Le hoasa i amnona tamy Tamara: "Andeso amy efitsy ty tranonoko ao ty sakafo mba hihinanako azy baka amy ty tananao." Le nala i tamara ty mofo ze fa nanoviny, Le nendesiny tamy efitsy tranony Amnona anadahiny. ¹¹Lafa nanday ty hany taminy teo ie, le nitanjaka azy ie sady nivola hozao taminy: "Avia, miroroa miaraka amiko, lahy anabaviko." ¹²Namaly azy hozao ie: "Aha, lahy anadahiko, ka forsevanao zaho, fa tsy tokony hanovy a Israely eto ty raha manahaky zay. Ka manao raha mampangaroharo zao!"¹³Manao akory ty hialako amy ty fahamenarako? le ty aminao? Hanahaky ty raiky gegy amy Israely etoa iha! Henanizao, mba mivolana amy mpanjaka, fa tsy hanaka ahy tsy ho ahinao zay." ¹⁴Fa ndra zay aza le tsy nijanjy azy i Amnona. Safe natanjaka ntany tamara ie, le nisambotsy azy ie le niandry niaraka taminy. ¹⁵Le nanaboka any Tamara tamy ty fanaboka mare i Amnona. Nanaboka azy mandilatsy ty faniriany azy ie. Hozao tiasa i Amnona taminy: "Miongaha le mandina." ¹⁶Fa ie namaly azy hozao: "Aha! Safe zao faharatia bevata amy ty fandroahanao ahy zao le raty mandilatsy ty nanovinao tamiko!" Fe tsy nijanjy azy i Amnona. ¹⁷Fe, niakaiky ty mpanompony rey ie le nanao hozao: "Afaho tsy ho amiko etoa ampela toy, sady hilio ty varavara lafa tafaboaky ie." ¹⁸Le naboaky ty mpiasany tambaliky tany ie le nihiliany ty varavara lafa tafaboaky ie. Nisiky siky lava voaravaka soa i tamara safe azy ty anakampela ty mpanjaka ze mbo tsy mahasaky lahy le misiky manahaky zay. ¹⁹Nasia Tamara lavenoky tamy lohany teo sady nitatahany ty sikiny. Niloloha ty tanany tamy lohany ie sady nandeha nitany mare tam-pandehana teny. ²⁰Hoasa i Absaloma anadahiny taminy: "Niaraka taminao va i Amnona anadahinao? Fe soa zay, lahy nabaviko. Anadahinao ie. Ka mandramby anizay raha zay anay." Le nipetraky raiky tamy tranony Absaloma anadahiny i Tamara. ²¹Fa lafa nire i davida mpanjaka ze kila raha iaby zay, le nimeloky mare ie. ²²Le Absaloma tsy nivola ndra ino ino tamy Amnona safe i Absaloma nanaboka azy noho ty ze fa nanoviny taminy noho ty fomba nanafahany baraka any Tamara anabaviny. ²³Lafa afaka roa tao mihintsy le nana mpisafo aondry niasa ta bala-hazora i Absaloma, ze anila i Efraima, le i Absaloma namory ty anakilahy ty mpanjaka iaby mba hamangy ao. ²⁴Nandeha amy mpanjaka any i Absaloma le nanao hozao: "Ingo henanizao, ty mpiasanao le mana mpisafo aondry. enganie ty mpanjaka noho ty mpiasany hiaraka amiko, mpiasanao." ²⁵Le namaly any Absaloma ty mpanjaka hoe: "Aha, lahy anako, tsy tokony hagnoriky anao iaby zahay safe enta mahavesatsy ho ahinao." Namporisiky any mpanjaka i Absaloma, fe tsy nandeha ie. ²⁶Le hoasa i Absaloma: "Laha tsy zay, engaho lahy Amnona rahalahiko andeha hanoriky anay." Le hozao tiasa mpanjaka taminy: "Fa manino i Amnona ro tokony hiaraky aminareo?" ²⁷Niforseva i Absaloma i Davida, le nanenga any Amnona noho ty anakilahy mpanjaka iaby handeha hanoriky azy ie. ²⁸Nandidy azy mpiasany rey i Absaloma nanao hozao: "Mijanina soa lafa manomboky mamom Divay i Amnona, sady lafa mivola aminareo manao hozao zaho: "Tafiho i Amnona, le vono ie. Ka mavaka. Tsy efa nandidy nareo va zaho? Mahereza le manana herim-po." ²⁹Le nanovy ty mpiasa i Absaloma tamy Amnona araky ze efa nandidiany androzy. Le nitsanga ty anakilahy ty mpanjaka iaby, le nilay nitikitsy ty apondrany iaby ty olo. ³⁰Laha mbo tan-dala teny ndrozy, le niavy tamy Davida ty vaovao manao hozao: "Novonoa i Absaloma ty anakilahy mpanjaka iaby, le tsy nisy ndra raiky aza nivelolo tamindrozy rey." ³¹Le nitsanga ty mpanjaka le nanataka ty sikiny, le niroro tamy tany teo; le azy mpiasany iaby rey nitsanga tanilany teo niaraky tamy siky tatakany. ³²Le hoaa i Jonadaba anaky Simea, rahalahiny Davida, namaly sady nanao hozao: "Tokony tsy hino ty tompoko fa namono ty mpamaraky iaby ze anaky ty mpanjaka ndrozy, safe i Amnona avao ro maty. Absaloma fa

nanoma zao nanomboky tamt ty andro ze nandravany Amnona any Tamara anabaviny. ³³Lafa zay tokony tsy handramby anizay tatitsy zay anay ty tompoko mpanjaka, ka hino fa ty anaky ty mpanjaka iaby ro maty, safe i amnona raiky avao ro maty." ³⁴Nilay lavitsy i Absaloma. Nisy mpanompo mpiamby nampagnenty ty masony le nahita olo lako tamy lala tambohitsy andrefany teny. ³⁵Le hoasa i Jonadaba tamy mpanjaka: "Ingo, niavy anakilahy mpanjaka rey. manahaky zay nivolany ty mpanomponao mihintsy zay." ³⁶Sady lafa vita ty safany, le niavy ty anakilahy mpanjaka le nanondrotsy ty feony ndrozy sady nitany. Ty mpanjaka noho ty mpanompony iaby koa le nitany mare. ³⁷Fa i Absalamo nilay le naneha a talmay, anakilahy Amihoda, azy mpanjaka i Gerora. Nisaona ty anany saky sanandro i Davida. ³⁸Lafa zay i Absaloma le nilay le nandeha ta Gesora tany, ze nipetrahany telo tao. ³⁹Fa ty say i Davida mpanjaka le nagniry hiboaky hagnenty any Absaloma, fa niono mikasiky any Amnona noho ty fahafaesany ie.

Chapter 14

¹Le Joaba anakilahy Zeroia le ahay fa naniry te hahitaky any Absaloma ty fo mpanjaka. ²Lafa zay le nandefa safa hoahy i Tekoa i Joaba le nanday ampela hendry taminy tany. Hozao tiasany tany ampela iny: "Mba mangataka lahy mba anovo kisary misaona iha sady misikina siky fisaonana. Mba mangataka lahy mba ka milemy soliky ty vatanao, fa manaova manahaky ty ampela misaona ty maty fa ela. ³Bakeo le mandina amy mpanjaka any le volano aminy ty mikasiky ty ze raha ho soritako." Le nivolany Joaba taminy ty safa ze tokony ho volaniny amy mpanjaka. ⁴Lafa nivola tany mpanjaka ampela baka a Tekoa iny, le nampandohaliky ty vatany tany tany iele nanao hozao: " Ampeo zaho, lahy mpanjaka." ⁵Le hozao tiasa mpanjaka taminy: " Ino ty raha mahazo ?" Namaly hozao ie: " Ty to le tsy manam-baly zaho, le nimaty ty valiko." ⁶Zaho ro mpanomponao, le managnanaky lahilahy roe, le nialy tambaibo eny ndrozy , le tsy nisy nanaraky androzy. Ty raiky nalemy le ty raiky nahafaty azy. ⁷Henanizao le mitsanga hanohitsy ty mpanomponao ty longo iaby, le hozao tiasandrozy: " Aseseo ty lahilahy ze namono ty rahalahiny, mba hamonoa azy ho maty, mba hanonotsy ty ay rahalahiny ze fa nivonoany." Le ho voanoandozy avao koa ty mpandova. Le manahaky zay avao koa ty hangalandrozy ty bolon'afo mirehitsy ze nengako, sady tsy hanenga anara ndra taranaky anabo ty tany hoahy ty valiko ndrozy. ⁸Le hozao tiasa mpanjaka tany ampela iny: "mandina an-tranonao any, le handidy raha hanovy ho ahinao zaho." ⁹Le namaly hozao ty mpanjaka azy ampela Tekoa iny: " Iha mpanjaka, tompoko, engaho ho amiko noho ho amy ty longo ty babako ty fahadisoa. Tsy mana-hakeo ty mpanjaka noho ty sieza fiadanany." ¹⁰Namaly hozao ty mpanjaka: "Ndra ia ndra ia mivola raha aminao, le andeso amiko atoy ie, le tsy hitolo anao sasy ie." ¹¹Le hozao tiasany: " Mba mangataka lahy, tokony hahatiaro any Yaveh Ndranaharinao ty mpanjaka, le tsy handrava ndra ia ndra ia lakolako mare ty mpamaly lio, mba tsy handravandrozy ty anakilahiko." Le namaly hozao mpanjaka iny: " Laha mbo velo avao Yaveh, le tsy hisy ndra singam-bolo raiky amy anakinao aza hihintsy amy tany." ¹²Le hozao tiasa ampela iny: "Mba mangataka lahy mba engaho ty mpanomponao mba hivola tovinny safa amy tompoko azy mpanjaka iny." ¹³Le hozao tiasany: " Mivolana." Le hoasa ampela iny: " Le manino ary iha mieritseritsy raha manahaky zay amy olo Ndranahary? Amy fivolana raha zay, le manahaky ty olo ze manao fahadisoa ty mpanjaka, safe tsy mbo nanamboly ndraiky ty anakilahiny voaroaky ty mpanjaka . ¹⁴Fa tsy maintsy ho maty tsika iaby, sady manahaky ty rano araraky amy tany tsika, ze tsy afaky ala sasy. Fa Ndranahare tsy hangalaky ty ay; fe , mahita lala hoahy ze voaroa le mba ho ampoliny ndraiky. ¹⁵Le henanizao e, avy hivola raha zao amy mpanjaka tompoko zaho, zay safe nampitahory olo rey zaho. Vasa tanteraky ty fangataha ty mpanompo ty mpanjaka. ¹⁶Safe hijanjan' ahy ty mpanjaka, mba hanolora ty mpanompony ho afaky amy tana ty lahilahy ze handrava ahy noho ty anakilahiko, ho afaka amy lovan-Dranahare. ¹⁷Bakeo le nivavaky hozao ty mpanomponao: "Yaveh lahy, engaho hanameva ahy ty safa ty mpanjaka tompoko, safe manahaky ty anjely Ndranahare, le manahaky anizay koa ty mpanjaka tompoko amy ty fivolana ty soa baka amy ty raty." Hiara anao lahy Yaveh Ndranaharenao." ¹⁸Bakeo le namaly ty mpanjaka le nivola tany ampela iny manao hozao: "Mba mangataka lahy mba ka avony amiko ze anontaniako anao iaby." Le namaly hozao ampela iny: "Engaho hivola ty mpanjaka tompoko henanizao." ¹⁹Le hozao tiasa mpanjaka: " Va tsy miaraky aminao amy kila tany iaby zao ty tana i Joaba?" Le namaly ampela iny le nanao hozao: " Laha mbo velo avao iha, lahy mpanjaka tompoko, le tsy misy afaka hilay mban-kavana ndra ankavia amy ty kila raha iaby ze nivolany mpanjaka tompoko. I Joaba mpanomponao ro nandidy ahy noho nivola tamiko mba hivola raha ze nivolany ty mpanomponao rey. ²⁰Fa nanao anizay i Joaba mpanomponao mba hampiova ty raha miseho. Hendry ty tompoko, manahaky ty fahendrea ty anjely Ndranahare, sady hainy ty raha iaby ze miseho amy tany eo." ²¹Le hozao tiasa mpanjaka tany Joaba: Ingoe, hanao ze raha zay zaho. Mandina, le andeso mimpoly azy pamaraky Absaloma iny." ²²Lafa zay i Joaba le nampandongaliky ty vatany tany tany ho voninahitsy ty fisaora any mpanjaka. HOzao tiasa i Joaba: " Henanizao le hay ty mpanomponao fa nahita sitraky tamasonao teo zaho, lahy mpanjaka tompoko, amy fanatantera ty mpanjaka ty fangataha ty mpanompony." ²³Le nitsanga i Joaba, e nandeha a Gesora any, le nanday any Absaloma mimpoly ta Jerosalema tany. ²⁴Hozao tiasa mpanjaka: " Engaho ie himpoly an-tranony any, fa ka enga hahita ty tarehiko." Lafa zay le mimpoly tan-tranony tany manoka i Absaloma, fa tsy nahita ty tarehy mpanjaka. ²⁵Le heniky Israely le tsy nisy olo nankalaza tany hahatovolany mandilatsy any Absaloma. Baka amy lelatombony any le zisiky amy ty tampo-dohany any le tsy nisy handra taminy tany. ²⁶Lafa saky faran-tao ie manampaka ty volondohany, safe navesatsy aminy zay, le nolanjany ty volony; milanja amy roanjato sekely ao vasa zay, ze lanja amy fandanja ty mpanjaka. ²⁷I Absaloma le niteraky lahilahy telo noho ampela raiky, Tamara ro anarany . Ampelasoa ie. ²⁸Feno roa tao ta Jerosalema tao nipetraka i Absaloma, fa tsy nahita tarehy mpanjaka. ²⁹Bakeo i Absaloma le nandefa safa tany Joaba teny mba handefa azy amy mpanjaka, fe tsy niavy tany Joaba. Le nandefa safa fanindroa i Absaloma, kanefa tsy mbo niavy avao i Joaba. ³⁰Le hoasa i Absaloma tany mpanompony rey: " Ingo, anila tiahy ty tanimbary Joaba, sady mana vary

hordea ao ie. Mandina le oro zay." Le noroa mpanompo Absaloma azy tanimbary iny. ³¹Bakeo le nitsanga i Joaba le nandeha amy Absoloma tan-tranony tany, le nanao taminy manao hozao: " Manino no noroa mpanomponao rey ty tanimbariko?"³²Le namaly any Joaba i hozao i Absaloma: "Ingo, nandefa safa taminao zaho nanao hozao: 'Miavia atoy mba afahako maniraky anao ho amy mpanjaka any mba hivola hozao: " Nanino zaho ro niala ta Gesora tany? Soa mare ho tiahy ty mbo miegny agny. Lafa zay e le engaho zaho hagnety ty tarehy mpanjaka, ka laha diso zaho, le engaho ie ro hamono ahy.'"" ³³Le nandeha amy mpanjaka any i Joaba le nivola taminy. Lafa nampikaiky any Absaloma ty mpanjaka, le nagnanto any mpanjaka ie le nandongaliky ambany tany tany teo taloha ty mpanjaka, le noroasy mpanjaka i Absaloma.

Chapter 15

¹Le tafaranizay le nanoma kalesy noho soavaly ho tiazy i Abaoma, niaraky tamy lahilahy dimampolo mba ho alohany. ²Nifoha maray i Absaloma sady nitsanga tamy lala mandeha amy vavahady ty tana. Lafa nisy olo nana aly handesy aminy fitsara mpajnaka eo, le nikaiky azy i Absaloma le nivola hozao: " Baka aia ty tana niboahanao?" Le namaly hozao lahilahy iny: " baka amy raiky amy fokoa Israely ty mpanomponao." ³Le nivola tamy Absaloma manao hozao: "Ingo, soa ty to ty rahalahanao, fe tsy misy olo namea mpanjaka fahefa hijanjy ty raharahanao." ⁴Le nampea Absaloma manao hozao: " Teako laha mba natao ho mpitsara tamy tany tetoa zaho, mba ho avy amiko etoa ty olo iaby ze mana aly na raharaha, sady hanome hato ho tiazy zaho!" ⁵Lafa nisy olo niavy tamy Absaloma mba hanome voninahitsy azy, le nampiboaky ty taniny ie le nandramby azy le nanoroky azy. ⁶Nanao manahaky zay tamy Israely iaby ze nandeha amy fitsarany mpanjaka Absaloma. Le nangalaky fo Israely i Absaloma. ⁷Le tamy fara tao efatsy le hozao tiasa i Absaloma tamy mpanjaka: "Engaho lahy zaho mba handeha sady hamita ty voady nanoviko tamy Yaveh ta Hebrona tany. ⁸Fa nanao voady ty mpanomponao tamy zaho mbo nipetraky ta Gesora ta Syria tany, le nanao hozao: 'Lafa andesy Yaveh mimpoly a Jerosalema vatany zaho, le hanompo any Yaveh.'" ⁹Le hozao tiasa mpanjaka taminy: "Mandina ampiadana." Le niongaky i Absaloma le nandeha a Hebrona tany. ¹⁰Fe lafa bakeo le nampaniraky mpitsikilo heniky ty fokoa Israely iaby i Absaloma, nivola hozao: "Laha vo mahare ty feo ty trompetra nareo, le tokony hivola hozao: "Absaloma ro mpanjaka a Hebrona any." ¹¹Nisy lahilahy roan-jato baka aJerosalema any nandeha nanoriky any Absaloma, ze nasainy. Nandeha tamy tsy fanana hakeo ndrozy, sady tsy nahay ndra ino ndraino tamy ze niteany Absaloma nanovy. ¹²Lafa nanesy soro i Absaloma, le nampangalaka any Ahitofela baka an-tana niboaha i Gilo ie. Mpanome-hevitsy any Davida nie. Niha- mare ty hentsiny Absaloma, safe tsy niha lako ty olo nanoriky azy. ¹³Nisy iraky niavy amy Davida any nanao hozao: "Manoriky any Absaloma ty fon'olon'Israely rey." ¹⁴Le hoasa Davida tamy mpanompony iaby rey ze niaraka taminy ta Jerosalema: "Miongaha le ndao hilay,laha tsy zay le tsy hisy afaky hilayany Absaloma tsika. Mihentsena hiala henanizao, fa laha tsy zay le hahatratsy antsika malaky ie, sady handay loza amitsika eto ie le hanafika ty tana amy lela ty mesobe." ¹⁵Le hozao tiasa mpanompony rey tamy mpanjaka: "Ingo, vono ty hanao ze tapaky mpanjaka tomponay iaby ty mpanompony." ¹⁶Le niala ty mpanjaka le noriha ty longony iaby, fa nanenga ampela folo, ze valy masay, mba hiamby ty lapa ty mpanjaka. ¹⁷Lafa baka niboaka ty mpanjaka noho ty olony iaby tafarany tao, leniegnny tamy trano farany ndrozy. ¹⁸Nandeha niaraka taminy iaby ty miaramilany, le nandeha talohany Keretita rey, noho Peletira rey sady Gatita iaby rey--- lahilahy enin-jato ty nanoriky azy baka a Gata any. ¹⁹Le hoasa mpanjaka tamy Itahy gatita : "Nanino va iha ro nandeha nagnoriky anay? Mimpolia le miegnena miaraky amy mpanjaka , fa vahiny sady sesin-tany iha. Mimpolia amy fipetrahanao avao. ²⁰Safe vo nomaly iha ro niala, le manino zaho ro tokony hanenga anao hikaikarioky hanoriky aminay? Tsy haiko mihintsy ze handinako. Le mimpolia sady andeso mimpoly azy raiky firenena namanao rey. Hanoriky anao lahy ty ha tò noho ty fahatokisa." ²¹Fa namaly any mpanjaka manao hozao Itahy: "Laha mbo velo avao Yaveh, sady laha mbo velo avao koa ty mpanjaka tompoko, amy toera iaby andinà ty mpanjaka vatany, le any avao koa ty handinà ty mpanomponao, ndra midika faaveloma zay ndra fahafatesa." ²²Le hoasa i Davida tamy Itahy: "Mandrosoa le manohiza miaraka aminay." Le nandeha niaraky tamy mpanjaka Itahy Gatita mbamy lahilahiny iaby noho ty longony iaby ze nanoriky azy. ²³Nitany tamy feo mare ty tana iaby lafa nandrio ty tany lemaky i Kodrona olo rey, sady lafa niampita avao koa ty mpanjaka. nandeha tan-dala teny nahazo ho an-tany efitsy ty olo iaby. ²⁴Ndra i zadoka niaraky tamy Levita iaby rey, ze nanonjo ty fiara ty fanenkean-Dranahare aza le teo. Nihilian-drozy ty fiaran-Dranahare, le nahazo any Abiatarà ndrozy. Niamby zisiky andriova ty olo bakaan-tanan-drozy. ²⁵Hoasa ty mpanjaka tamy Zadoka: "Onjono mipoly an-tana any ty fiaran-Dranahare . laha mahita fitea aimaso Yaveh eo zaho, le handay ahy himpoly le sady hampitoro ty fiara noho ty toera hipetrahany ndraiky. ²⁶Fa laha mivola hozao le: 'Tsy mankasitaky anao Zaho,' Ingo, ntoy zaho, engaho hanoviny amiko ze raha iaby hainy fa mety Aminy.'" ²⁷Hozaoa avao koa tiasa mpanaka tamy Zadoka mpisoro: "Tsy mpaminany va iha? Mimpolia an-tana any ampiadana, mbamy ty anakilahinao roe miaraka aminao, le i Ahimaza anakinao, noho Jonatana anaky Abiatarà. ²⁸Ingo, hiamby amy fitana amy efitsy Araba zaho zisiky hiavia ty safà avy aminao hampahay ahy." ²⁹Le nanday ty fiaran-Dranahare nimpoly ta Jerosalema i Zadoka noho Abiatarà, le niipetraka tany ndrozy. ³⁰Fa niakatsy tsy nisiky kiraro noho nitany nandeha ambohitsy Oliva i Davida, le nilomboky ty lohany. Ty olo iaby tamy olo niaraka taminy le nanaro ty loahany, sady nandeha niakatsy amy fitomania tam-pandehana teny ndrozy. ³¹Nisy olo nivola tamy Davida nanao hozao: Anay ty mpihentsy miaraka amy Absaloma i Ahitofela." Le nivavaka hozao i davida: "Yaveh lahy, aavaliho ho fahagegea lahy ty torohevitsy i Ahitofela." ³²Lafa niavvy tamy fara lala teo, zefa fanompoa an-Dranahare, le niavy nifankahita taminy i Hosay azy Arkita iny niaraka tamy ty sikiny tataka noho posiera tamy lohany teo. ³³Hozao tiasa i Davida: " Laha mandeha manoriky ahy iha, le ho

fahavesara ho ahy. ³⁴Fa laha mimpoly an-tana any iha le mivola amy Absaloma manao hozao; 'Ho mpanompoanao zaho, lahy mpanjaka, manahaky ty naha mpanompo ty abanao ahy tamy andro taloha, le ho mpanomponao avao zaho henanizao,' le hampikoronta ty toro hevitsy i Ahitofela ho ahy iha. ³⁵Tsy mana any zadoka noho Abiatara mpisoro hiaraka aminao va iha? Le ndra ino ndra ino renao amy lapa mpanjaka ao, le engaho ho volanianao amy Zadoka noho Abiatara mpisoro zay. ³⁶Anovo soa mba hiaraka amindrozy any ty nakilahiny roe, le i Ahimaza, anaky Zadoka, noho Joanatana, anaky Abiatara. Engaho hampandinao amy ty tanandrozy amiko atoy ty raha iaby ze nirenao." ³⁷Le nandeha ambaibo any i Hosay, nama i Davida, laha vo niavy noho nilitsy ta Jerosalema i Absaloma.

Chapter 16

¹Lafa niala tsy de lavitsy ty tendro ty vohitsy i Davida, le niavy nitsena azy i Ziba mpanompo i Mefiboseta niaraka tamy apondra roa misy fitoera; nanday mofo roan-jato ndrozy, tahom-boaloboky zato, le divay tavoara raiky.

²Nivola hozao tamy Ziba ty mpanjaka: " Nanino iha ro nanday raha rey?" Namaly hozao i Ziba: " Ty apondra le nanovy ho tikira ty longo mpanjaka, ty mofo noho ty mpfo mamy misy aviavy le natoka hoahy olo rey, le ty divay le natoka hinoma le vozaky tan-tany hay tany."³Hoasa mpanjaka: " Aia ty zafy lahilahy ty tomponao?" Namaly any mpanjaka i Ziba: " Ingo, niegny a Jerosalema any ie, fa hoasany: 'Henanio le hampoly ty longon'Israely amiko ty fanjaka ty babako.'" ⁴Le nivola tamy Ziba manao hozao ty mpanjaka: " Ingo, ze tiahy Mefiboseta iaby le hoahinao henanizao." Namaly hozao i Ziba: " Ampanambania ro iondrehanako anatrehanao eo zaho, lahy mpanjaka,tompoko. Engaho hahita sitraky imasonao eo zaho."⁵Lafa nagnato any Bahorima i Davida Mpanjaka, le nisy lahilahy baka amy foko a i saoly niboaky baka any, azy nikaiha hoe: Simey anaky Gera. Niboaky nagnozo ta mpandehana teny ie. ⁶Notorahany vato i Davida noho ty manam-boninahitsy mpanjaka iaby, ndra teo aza miaramila rey noho mpiamby ze tan-kavia noho tan-kavana ty mpanjaka rey.⁷Nikaiky fanozona i Simey: "Mandina any, mandehan miboaka atoy, iha ze mpanao raty, iha ze olo mpandatsa-dio! ⁸Novalia Yaveh taminareo iaby ty lio ty longo i Saoly ze nalatsanareo, tamy ty toera ze nanjakanareo. Namea Yaveh ahy Absaloma anakinao ty fanjaka. Avy amy ty faharava iha safe olo ty lio."⁹Le hozao tiasa i Abisay anakilahy Zeroia, tamy mpanjaka: "Manino alika maty io ro manozo ty mpanjaka tompoko? Engaho zaho lahy handeha le hanapaky ty lohany." ¹⁰Fa nivola hozao ty mpanjaka: " Mpy ino moa zaho noho iha, lahy anakilahy Zeroia? Manozo ahy vasa ie safe nivola tamy Yaveh manao hozao: "Ozono Davida.' Ia zany ro afaky hivola aminy manao hoazao: 'Manino va iha ro hanozo ty mpanjaka?'"¹¹Le hozao tiasa Davida tamy Abisay noho ty mpanompony iaby: "Ingo, ty anakilahiko, ze naterako, le te hagnafaky ty aiko. Sandraky ty faniria ty Benjamina toy amy ty faharavako? Engaho ie sady engaho ie hanozo, safe nibeko azy hanao anizay Yaveh. ¹²Hagnenty ty fijalea mahazo ahy vasa Yaveh, sady hamaly soa ho ahy noho ty ozo nanoviny tamiko henanio."¹³Le nandeha tan-dala teny i Davida noho ty olony, le nagnoriky azy baka ampita anabo ty vohitsy teny i Simeynanozo sady nanidraka posiera sady nitora-bato azy lafa nandeha ie. ¹⁴Bakeo le vozaky ty mpanjaka noho ty olo iaby ze niaraky taminy, lafa haly niegny ndrozy le nangalaky ay.¹⁵Le i Absaloma noho ty olo Israely iaby ze niaraky taminy, le niavy ta Jerosalema tao, le niaraky taminy i Ahitofela. ¹⁶Le lafa niavy ta my Absaloma teo, i Hosay azy Arkita iny, nama i Davida, le nivola tamy Absaloma i Hosay hoe: " Holava velo lahy ty mpanjaka! Ho lava velo lahy ty mpanjaka!"¹⁷Hoasa i Absaloma tamy Hosay: "Zao va ty fitokisa aboakinao amy namanao? Manino iha ro tsy nahefa niaraka taminy?" ¹⁸Hozao tiasa i Hosay tamy Absaloma: "Aha! Fa azy raiky ze nitinginy Yaveh noho ty olo toy sady ty olon'Israely iaby e, ro lahilahy ze handinako, sady hipetraky aminy eo zaho."¹⁹Ia avao koa,ro olo tokony ho tompoako? Tsy tokony anompo amy fanatreha anakilahiny eo va zaho? Manahaka ty nanompoako tamy fanatreha ty babanao, le hanompo amy fanatrehanao eo zaho."²⁰Le hozao tiasa i Absaloma tamy Ahitofela: "Omeo torohevitsy zahay amy ty toko hanovinay." ²¹Namaly hozao any Absaloma i Ahitofela: "Mandina mandry miaraky amy ty valy ty mpanompo ty babanao ze nengany hiamby ty lapa, sady ho reny Israely iaby fa nanamantsy vata tamy babanao teo iha. Bakeo le hatanjakay ty tana ze miaraky aminao iaby."²²Le namelatsy lay hoahy Absaloma tanabo ty lapa teo ndrozt, le niaraky nandry tamy valy andevo ty babany tamaso Israely iaby teo i Absaloma. ²³Le azy torohevitsy ze namea i Ahitofela tamy zay andro zay le manahaky hoe niren'olo baka amy ty vavan-Dranahare mihintsy. Zay ty fahita i Davida noho Absaloma ty torohevitsy i Ahitofela iaby.

Chapter 17

¹Le nivola tamy i Absaloma i Ahitofela: "Engaho zaho hitingy lahilahy ray aly sy roa arivo, sady hitsanga sady hanohitsy any Davida zaho androany haly. ²Ho avy aminy eto zaho lafa ie mbo vozaky noho malemy iny sady hapoky azy amy havaka zaho. Hilay ty olo ze miaraky aminy, le ty mpanjaka avao ro tafihiko. ³Handesiko mimpoly aminao iaby ty olo, manahaky ty ampela ampakary avy amy valiny eo, le ty olo iaby hilamy ambany fahefanao." ⁴Zay ty vola i Ahitofela le nankasitraha i Absaloma noho loholon'Israely iaby. ⁵Le hozao tiasa Absaloma: "Kaiho avao koa i Hosay azy Arkita iny henanizao, le engaho tsika hahare ze ty volany." ⁶Lafa niavvy tamy Absaloma eo i Hosay, le nazavay Absaloma taminy zay nivolany Ahitofela sady nanontany any Hosay manao hozao ie: "Tokony hanao ze nivolany Ahitofela va tsika? Laha aha, volano anay ze tororhevitsinao." ⁷Le nivola tamy Absaloma hozao i Hosay: " Tsy soa ty torohevitsy ze namea i Ahitofela tamy toy." ⁸Le nanampy ihozao i Hosay: "Hainao fa mpialy mahery ty babanao noho lahilahiny rey, sady meloky ndrozy, sady manahaky bera trobo anaky ambaibo. Lahilahy mpaaly ty babanao; tsy hiroror miaraky amy miaramilaie androany haly. ⁹Ingo, mety mivony an-davaky any na amy toera hafa any ie zao. Lafa misy maty amy ty fiatomboha ty fanafiha ty lahilahinao ilany, ndra ia ndra ia mahare anizay le tsy maintsy nivola hozao: "Misy famonoa miseho amy miaramila ze manoriky any Absaloma rey." ¹⁰Ka ndra ty miaramila be herim-po mare aza, ze manahaky ty fo ty liona ty fandrozy, le havaka safe hainy Israely iaby fa lahilahy mahery ty babanao, sady lahilahy miaraka aminy le vatany matanjaka. ¹¹Lafa zay le manoro hevitsy anao zaho fa tokony havory miaraka aminao eto ty Israely iaby, manomboky a Dana any le zisiky a Beri-sheba any, ze lako isa manahaky ty fasy amoro ty riaky eo, sady le ty vatatenanao mihintsy ro handeha hialy. ¹²Bakeo le ho avy aminy ao zahay ndra aia ndra iia ro mety ahita azy, sady handomboky azy manahaky ty ando miravoky amy tany zahay. Tsy misy enganay ho velo ndra ty raiky amy ty olony, ndra ty vatany aza. ¹³Laha mila amy tana raiky any ie, le handay taly ho amy tana zay any ty Israely iaby le ho tarihinay ho amy renirano any zay, zisiky tsy hisia ndra vato kely raiky aza hita ao." ¹⁴Le hozao tiasa Absaloma noho lahilahy Israely : "Ty torohevitsy Hosay azy Arkita iny le soa mandilatsy any Ahitofela." Yaveh le nampisy tsy fanenkea ty torohevitsy soa any Ahitofela mba handat loza amy Absaloma eo. ¹⁵Le hozao tiasa i Hosay tamy zadoka noho tamy Abiataran mpisoro: "Ahitofela nanoro hevitsy any Absaloma noho ty loholon'Israely tamy ty fomba manahaky zay, fe zaho mana hevitsy hafa. ¹⁶Le henanizao, mandina malaky sady tatero amy Davida any; Volano hozao ie: 'Ka mivory amy fita i Araba ao androany haly, fa miampita amy ty kila fomba iaby, laha tsy zay le ho voately miaraky amy olo iaby ze manoriky ty mpanjaka.'" ¹⁷Le i Joanatana noho Ahimaza nipetraka tamy loharano i En-rogea tany. Nisy ampela mpanompo nanovy handeha noho hampahay androzy amy ze tokony ho haindrozy, fa tsy natahora ho hita ty filiran-drozy an-tanaao. Lafa niavy ty hafatsy, le nandeha sady nivola tamy Davida Mpanjaka ndrzy. ¹⁸Fe nisy pamaraky nahita androzy tamy fotoa io le nivola amy Absaloma. Le niboaky malaky i Jonatana noho Ahimaza sady nandeha an-trano lahilahy raiky ta Bahorima tao, ze nana vovo tantokontany, tao ty nijotsoan-drozy. ¹⁹Nangalaky ty fandongofa vovo iny ty valy lahilahy iny sady nandomboky anizay tamy vava ty vava ty vovo, sady nanaparitaky vary taminizay teo, le tsy nisy nahay fa tanany vovo i Jonatana noho Ahimaza. ²⁰Niavy tan-trano ampela iny tao ay lahilahy Absaloma rey le nanao hozao: " Aia i Ahimaza noho Jonatana?" Hozao tiasa ampela iny tamindrozy: "Fa niampita ty rano ndrozy." ka lafa baka nagnenty ty manodidy ndrozy le tsy nahita androzy, le nimpoly ta Jerosalema tany. ²¹Lafa nandeha ndrozy le niakatsy baka anay vovo i Jonatana noho i Ahimaza. Nandeha nitatitsy tamy Davia Mpanjaka ndrozy; hozao tiasany taminy: "Mitsangana le miampita malaky ty rano safe i Ahitofela fa nanome torohevitsy manahaky zao zao momba anao." ²²Le nitsanga i Davida noho ty kila olo iaby ze niaraky taminy, le niampita any Joradana ndrozy. taloha ty andro maray le tsy nisy tafita any Joradana ndrozy. ²³Lafa nihita i Ahitofela fa tsy norihany ty torohevitsiny, le nanisy fipetraka ty borikiny ie le nandeha. Noly tan-tanany tany ie, nandamy rahalahiny rey, le nampihanto ty vatany. Tamy fomba zay ty nahafaty azy le nalevy tamy lolo ahy babany ie. ²⁴Bakeo i Davida le niavy ta Mahanaima tany. Laha ty amy Absaloma, le niampita any Jordana ie, ie noho lahilahy Israely iaby niaraky taminy. ²⁵Le i Absaloma nanennga any Amsa fa tsy i Joaba hifehy ty miaramila. Amasa le anakilahy i Jitra azy Ismaelita iny, ze nandry niaraky tamy iAbigaila, ze anakampela i Nahasa sady rahavavy Zeroia, reniny Joaba. ²⁶Le Israely noho Absaloma le nivory tamy tany Gileada tao. ²⁷Lafa niavy tao i Mahanaima i Davida, i Sobyankilahy Nahasa baka a Raba amy Amonita ao, noho Makira anakilahy Amiela baka a Lo-debara ao, le i Barzilay azy Gileadita baka a Rogelima any, ²⁸le nanday kitrely noho kotsy, vinga, valany, noo vary, kobam-bary hordea, lango, tsaramaso, lojy, ²⁹tantely, dibera, aondry, le ronono mandry, mba hahaza i Davida noho olo niaraky taminy mihina. Hozao tiasa lahilahy rey: "Mosare, vozaky, le marandrano anefitsy any ty olo."

Chapter 18

¹Nanisaky miaramila ze niaraky taminy rey i Davida sady nanendry ty kapiteny ty arivo noho kapiteny zato tamindrozy teo. ²Bakeo le nalefa i Davida ty miaramila, ty ampahatelo tambany ty fifeheza Abisay anakilahy Zeroia, rahalahy i Joaba, le ty ampahatelo ty raiky hafa tambany ty fifehaza i Gatita. Hozao tiasa mpanjaka tamy miaramil: "Le handeha hiaraka aminareo vatany zaho." ³Fa hoasa lahilahy rey: "Tokony tsy handeha amy aly any iha, fa laha milay aly zahay le tsy hidary ze mikasiky anay ndrozy, ndra maty ty antsasakinay le tsy hidary ndrozy. Fa iha le maeva ho ray aly aminay! Lafa zay le soa laha vono hanampy anay baka amy tana atoy iha." ⁴Le namaly andry rey ty mpanjaka: "Ho anoviko ze mety soa aminareo." Le nitsanga tamy vavahady teo ty mpanjaka zisiky hiboaha ty isan-jatony sy isaky arivony ty miaramila. ⁵Nandidy any Joaba, Abisay, le Itahy ty mpanjaka le nanao hozao: "Laha ty amiko le mifanaraha amy hasoa fanahy amy pamaraky iny, amy Absaloma." Ty olo iaby le nahare fa nanome anizay bako zay any kapiteny rey mikasiky any Absaloma ty mpanjaka. ⁶Le nandeha ambanivohitsy nanohitsy any Israely ty miaramila; nriparitaky tamy alala Efraima ty aly. ⁷Resy tanatreha miaramila Davida rey ty miaramila Israely: nisy famonoa oloroa aly tany tany andro io. ⁸Niparitaky heniky ty faritsy raiky iaby ty aly, le lako ty olo rava ty ala noho ty mesobe. ⁹Le nifanojoky tamy ilany tany miaramila Davida rey i Absaloma. Nitikitsy ty ampondra ie, sady nandeha tambany sampa matevy ty hazo terembita bevata tao ty apondrany, le voahozo tamy tahon-kazo tao ty lohany. Tavela nitsorozaroza tanelanela ty tany noho ty lanitsy ie lafa nandeha ty apondra nitikirany. ¹⁰Nisy olo raiky nahita anizay le nivola tany Joaba hozao: "Ingo, hitako nihanto tany hazo terebinta i Absaloma." ¹¹Hoasa i Joaba tany olo ze nivola taminy ty mikasiky any Absaloma: "Ingo, Hitanao ie! Manino tsy nivangoanao hiravoky amy tany ie? Mety fa nameako sekela volafoty folo noho fehin-tsarotso iah." ¹²Namaly any Joaba manao hozao olo iny: "Ndra nandramby sekely volafoty arivo aza zaho, le mbo tsy hanampatsy ty tanako amy anaky mpanjaka, safe fa nirenay iaby fa ty mpanjaka le nibeko anao, any Abisay, noho any Itahy, nanao hozao: "Tokony tsy hisy ndra ia ndra ia hikasiky any pamaraky iny le i Absaloma." ¹³Laha nahafoty ty aiko tany vandy zaho (sady tsy raha mivony amy mpanjaka), le mety ho nanary ahy iha." ¹⁴Le hozao tiasa i Joaba: "Tsy hiamby anao zaho." Le nangalaky lefo telo tan-tanany teny i Joaba sady anndetiky anirey tanay i Absaloma tao, laha mbo nivelo noho nihanto tany hazo terembita teo ie. ¹⁵Bakeo pamaraky folo rey ze nanonjo ty fitaovam-pialia i Joaba mihodidy any Absaloma, namango ay, sady namono azy. ¹⁶Bakeo i Joaba nitsoka ty trompetra, le nimpoly baka amy fagnindigna any Israely ty miaramila, safe i Joaba ro nifehy ty miaramila. ¹⁷Nalaindrozy i Absaloma le natoran-drozy tanay ty lavaky bevata tanala tao; nalevindrozy tambany bolokom-bato bevata ty vatany, lafa nilay iaby Israely, hoan-tranony iaby ty olo. ¹⁸Le i Absaloma, laha mbo velo, le nananga bolokom-bato bevata tambaibo ty Mpanjaka hotiazy, fa hozao tiasany: "Tsy mana anakilahy handay ty anarako zaho." Nameany ty anarany azy bolokom-bato iny, le tany andro io avao le nikaihany hozao: "tsangambato any Absaloma zay." ¹⁹Le hozao tiasa i Ahimaza anaky Zadoka: "Engaho hilomay handay vaovao mahafaly hoahy mpanjaka zaho, le ty fomba namonjea Yaveh azy tan-tany fahavalony rey." ²⁰Namaly azy hozao i Joaba: "Tsy iha ro ho mpanday vaovao androany; engaho amy andro manaraky iha ro manao anizay. Tsy handay vaovao iha safe maty ty anakilahy mpanjaka." ²¹hoasai Joaba tany azy Kosita raiky iny: "Mandina, volano amy mpanjaka ze hitanao." Le nandongaliky tany Joaba teo Kosita iny, sady nandeha nilomay. ²²Bakeo i Ahimaza anaky Zadoka mba hivola tany Joaba ndraiky manao hozao: "Ndra ino ndra ino mety ho hiseho, le engaho hilomay avao koa zaho ka hagnoriky Kosita iny." Namaly hozao i Joaba: "Nangino iha ro te hilay, anako lahy, fe mahita fa tsy hahazo valisoa amy vaovao rey iha?" ²³Ndra ino ino miseho," hoasa i Ahimaza, le hilomay zaho." Le namaly azy hozao i Joaba: "Milaisa." Sady milaisa amy tany lemaky Ahimahaza, le mandilatsy any Kosita iny. ²⁴Le nipetraky tanelanela anainy teo noho tambaliky vavahady. nandeha tany tafo ty vavahady tany manda teny azy mpiamby iny sady nampiantra ty masony. Lafa nagnenty ie, le hanita lahilahy nagnanto, le nilomay raiky. ²⁵Nikorakoraky mpiamby inysady nivola tany mpanjaka. Le hozao tiasa mpanjaka: "Laha raiky avao ie, le misy vaovao ambavany ao." Nagnanto marikitsy azy mpilomay iny sady nagnanto ty tana. ²⁶Bakeo le nahita mpilomay raiky hafa azy mpiamby iny, le nampikaiky ty mpiamby vavahady ie; hozao tiasany: "Ingo, misy olo raiky hafa milomay raiky." Hozao tiasa mpanjaka: "Manday vaovao avao koa ie." ²⁷Le nivola hozao ty mpiamby: "Manahaky ty filaisa i Ahimaza anaky Zadoka ro fahitako ty filaisa olo raiky aloha eo iny." Hozao tiasa mpanjaka: "Lahilahy soa ie niavy niaraky amy vaovao mahafaly." ²⁸Le nikaiky mare i Ahimahaza sady nivola hozao tany mpanjaka: "Mety iaby ty kila raha." Nampandohaliky ty vatany tany ty tarehiny tany tany tanatreha ty mpanjaka ie sady nanao hozao: "Tompoa lahy Yaveh Ndranaharinao! Nanafaky ty olo ze nanondrotsy ty tanandrozy nanohitsy ty mpanjaka tompoko Ie." ²⁹Le namaly hozao ty mpanjaka: "Mety soa va amy mpamaraky Absaloma iny?" Namaly hozao i Ahimaza: "Lafa nandefa ahy, mpanompo ty mpanajaka, handehaaminao i Joaba, lahy mpanjaka, le nahita koronta bevata zahp, fa tsy haiko hoe ino zay." ³⁰Le hozao tiasa

mpanjaka: "Mitoliha kely sady mitsangana etoa." Le nitoliky kely Ahimaza, le nitsanga.³¹ Le niavy tselelatsela teo avao azy Kosita iny le nivola hozao: "Misy vaovao mahafaly hoahinao lahy mpanjaka tompoko, fa henanizao Yaveh le namaly faty anao tamy ze nitsanga hanohitsy anao iaby." ³²Le hozao tiasa mpanjaka tamy Kosita iny: "Mety soa va ty amy pamaraky Absoloma iny/" Namaly hozao Kosita iny: "Azy valavalo mpanjaka tompoko, noho ze nitsanga iaby hanohitsy anao rey, le tokony hanahaky pamaraky io." ³³Le vatany kivy ty mpanjaka, le niakatsy anefitsy trano anabo ty vavahady ie sady nitany. sady nandeha ie no nitaray manao hozao: "Absaloma anako, ty anako, Absaloma anako! Tokony zaho ro maty fa tsy iha, lahy Absaloma, ty anako, ty anako!"

Chapter 19

¹Nivolany hozo amy Joaba: "Ingo, nitany noho misaona hoahy Absaloma ty mpanjaka." ²Le nivaliky fisaonana hoahy miaramila iaby ty fandrese a tany andro io, manao hozo ty niere miaramila tany andro io: "Misaona hoahy ty anakilahiny ty mpanjaka." ³Tsy maintsy niala mangingina ty tana tany andro io ty miaramila, manahaky ty olo menatsy mitingatinga miala laha handeha an'aly ndrozy. ⁴Nanaro ty tarehiny ty mpanjaka sady nitany tany feo mare manao hozo: "Absaloma anako lahy, Absaloma, ty anako, ty anako!" ⁵Le nilitsy tany trano mpanjaka tao i Joaba sady nivola hozo taminy: "Manafa-baraka ty vata ty miaramilanao iaby henanio, ze nanavotsy ty aino androany, ty ay anakilahinao rey noho anakampelanao, noho ty ay ty valinao sady ty ay ty valy andevonap iha, ⁶safe iha le tea ze malay anao, sady malay ze teanao rey. Fa henanio le natorona fa tsy misy dikany aminao mpifehy noho miaramila rey. Henanizao le mino zaho fa laha mbo nivelo i Absaloma, le nimaty iaby tsika, le nahafaly anao zay." ⁷Lafa zay mitsangana le miboaha sady volano amy ty fahatsora azy miaramilanao rey, fa mifanta amy Yaveh zaho, fa laha tsy mandeha iha, le tsy hisy olo ndra raiky hiegnny aminao atoy androany haly. Horaty mare aminao mandilatsy ty loza iaby ze fa nahazo anao baka amy ty fahatanoranao le zisiky amizao zay." ⁸Le nitsanga ty mpanjaka le nipetraky tambavady ty tana teo, le ty olo iaby nivola hozo: "Ingo, mipetraky am-bavahady eo ty mpanjaka," le nandeha talohany eo ty olo iaby. Le nilay Israely, samby nandeha an-tranony iaby ty olo. ⁹Le nialy hevitsy iaby ty olo ty amy foko Israely iaby le nanao hozo: " Namonjy antsika tany tana ty fahavalontsika ty mpanjaka, sady nanavotsy antsika tan-tana Filistina ie, fa henanizao ie le nilay ty tany ie noho i Absaloma. ¹⁰Absaloma, ze nohosoratsika hanjaka tamitsika tetoy, le fa nimaty tanaly tany. Ka manino nareo tsy mivola ndra ino ndra ino amy ty fampolia any mpanjaka?" ¹¹David a mpanjaka naniraky tany Zadoka noho i Abiatar a mpisoro tany le nanao hozo: "Volano hozo loholon'i Joda: 'manino nareo ndraiky ro farany amy fampolia ty mpanjaka amy lapany any, fe ty resaky Israely iaby le mankasitraky any mpanjaka, mba handay azy himpoly amy lapany any?' ¹²Rahalahiko nareo, nofitsiko noho taolako. Ka manino nareo ndraiky ro farany amy fanampoliana any mpanjaka?" ¹³Sady volano hozo i Amasa: ' Vasa iha tsy nofitsiko noho taolako? Hanovin-Dranahary amiko lahy zay, le mandilatsy anizay aza, laha tsy kapiteny ty miaramilako amy toera i Joaba eo iha manomboky zao.' ¹⁴Le teany manahaky ty olo raiky azy fo ty lahilahy Joda iaby. Nampaniraky manao hozo tany mpanjakandrozy: " Mimpolia, iha noho ty olona iaby." ¹⁵Le nimpoly ty mpanjaka le niavy ta Jordana teo. Le ty olo i Joda niavy ta Gilgala teo mba hitsena ty mpanjaka sady bakeo handay ty mpanjaka hiampita i Jordana. ¹⁶Simey anakilahy Gera, azy Benjamita iny, ze niavy baka a Bahorima, le nijotso malaky niaraky tany olo i Joda mba hitsena any Davida mpanjaka. ¹⁷Nisy arivo lahy niavy baka a Benjamina niaraka taminy, le i Ziba azy mpanompo i Saoly, noho ty anakilahiny folo limy amby sady mpanompony roapolo niaraky taminy. Niampita any Jordana matriky mpanjaka ndrozy. ¹⁸Niampita mba handay ty longo ty mpanjaka sady hanao ze kila raha iaby nieritseretiny fa ho soa ndrozy. Nandongaliky tanatreha mpanjaka eo i Simey anakilahy i Gera aloah ty hiampitany ty Joradana. ¹⁹Hozo tiasa i Simey tany mpanjaka: "Aha, lahy tompoko, ka manasazy ahy na mahatiaro ze nanovy ty mpanomponao tany fivazavaza tany andro niala ty mpanjaka tompoko ta Jerosalema tao. Mangataka, engaho tsy handramby anizay am-po ao lahy mpanjaka. ²⁰Fa azy mpanomponao rey lafa mahay fa mpanota zaho. Ingo, zay ty antony niaviako aloha tany longo i Josefa rey androany mba hijotso hitsena ty mpanjaka tompoko." ²¹Fa i Abisay anakilahy Zeroia namaly le nanao hozo: " safe nanao any azy nohosora Yaveh ie?" ²²Le nivola hozo i Davida: " Vasa mpy ino zaho noho iha, lahy anakilahy Zeroia, ro tokony mpanohitsy ahy nareo henanizao? Tokony hisy lahilahy ho vonoa va amy Israely etoa androany? vasa tsy hainao fa zaho ro mpanjaka any Israely henanio?" ²³Le nivola hozo tany Simey ty mpanjaka: " Tsy ho maty iha." Le nampitama azy tany fifanta ty mpanjaka. ²⁴Le i Mefiboseta anakilahy Saoly nijotso mba hitsena any mpanjaka. Tsy nanisy kapa ty tombony ie, na nagnafaky ty somitsiny, ndra nanasa ty sikiny nanomboky tany andro nandina ty mpanjaka le zisiky amy andro niaviany soa aman-tsara tan-tranony tao. ²⁵Lafa niavy ta Jerosalema ie mba hitsena ty mpanjaka, le hozo tiasa mpanjaka taminy: "Nanino iha ro tsy niaraka tamiko, lahy Mefiboseta?" ²⁶Namaly hozo ie: "Mpanjaka tompoko lahy, namerivery ahy ty mpanompoko, fa hozo tiasako: 'Hanisy ty fipetraha ty apondrako zaho mna hahaizako mitikitsy anizay noho miaraky amy mpanjaka, safe ty mpanomponao mandringa. ²⁷Ziba mpanompoko lefa nanarasara ahy, mpanomponao, tany mpanjaka tompoko. Fa ty mpanjaka tompoko le manahaky ty anjely Ndranahare. Lafa zay le anovo ze soa amasonao eo. ²⁸Safe ty tariha ty babako iaby lafa lahilahy maty anatreha ty mpanjaka tompoko eo, kanefa iha nanenga ty mpanomponao ho isa ze mihina andatabonao teo manoka. Le ino asy lafa zay ro hatonany ze tokony mbo hitoreovako amy mpanjaka?" ²⁹Le hozo tiasa mpanjak taminy: " Manino ro manazava raha mandilatsy?" Fa nanam-pakevitsy zaho fa iha noho Ziba ro hizara baibo rey." ³⁰Le i Mefiboseta namaly ty mpanjaka manao hozo: " Eka, engaho ie hangalaky azy iaby, safe ty mpanjaka tompoko le fa viavy soa ts nanahy an-tanony ato." ³¹Le i Barzilai azy Gileadita iny le nijotso

baka a Rogelima any mba hiampita i Jordana miaraky amy mpanjaka, sady nanesy any mpanjaka hiampita any Jordana ie. ³²Barzilay le vatany lahilahy antitsy, valopolo tao. Fa nanome vatia hoahy mpanjaka ie tamy ie mbo ta Mahanaima tao, safe lahilahy mpanarivo ie. ³³Hozao tiasa i mpanjaka tamy Barzilay: "Ndao hiaraky hiampita amiko, sady hanome anao toera miaraky amiko a Jerosalema any zaho." ³⁴Barzilay namaly any mpanjaka manao hozao: "Ombiamoa ty sisa ty andro iainako, ro tokony mbo hiara hiakatsy amy mpanjaka a Jerosalema any va zaho?" ³⁵Valopolo tao zaho. Mahay manavaky ty soa noho ty raty va zaho? mahavita mihina ze haniko noho hinomako va y mpanomponao? Vasa mahare ty feo ty mpihira sasy va zaho? Ka manino ty mpanomponao le mbo ho vesatsy hoahy mpanjaka tompoko? ³⁶Te hiampita miaraka amy mpanjaka a joradana fotsiny ty mpanomponao. Le manino ty mpanjaka le hamaly fitea ahy manahaky zay? ³⁷Engaho lahy holy ty mpanomponao, mba ho maty amy tanako anila ty lolo ty babako noho ty reniko zaho. Fa ingo, ntoy i Kamama mpanomponao. Engaho ie hiaraky miampita amt tompo mpanjaka, le anovy aminy ze eritseretinao fa soa aminao." ³⁸Le namaly hozao ty mpanjak: "Hiaraky hiampita amiko i Kamama, le hanoviko aminy ty eritseretinao fa soa, sady ndra ino ndra ino irinao amiko, atoy le hanoviko hoahinao zay." ³⁹Le niampita any Jordana ty olo iaby, niampita ty mpanjaka, le nanoroky any Barzilay ie sady nitsipy rano azy. Le noly tan-tranony tany i Barzilay. ⁴⁰Le niampita any Galgala ty mpanjaka, le niampita niaraky taminy i Kimama. Ty miaramila i Joda iaby le nanday any mpanjaka niampita, le ty ila ty miaramila Israely. ⁴¹Tselatsela le nanomboky niavy tamy mpanjaka teo ty lahilahy Israely iaby sady nivola hozao tamy mpanjaka: "Nanino rahalahitsika rey, azy lahilahy i Joda, ro nangalatsy anao sady nanday ty mpanjaka noho ty longony niampita any Joradana, sady ty lahilahy dauida iaby niaraky taminy?" ⁴²Le namaly ty lahilahy Israely hozao i Joda: "Zay safe ty mpanjaka anilay mare. Le manino nareo ro meloky amizay? Fa nandany ze novilia ty mpanjaka va zahay? Fa nanome fanomeza hoahinay va ie?" ⁴³Le namaly ty lahilahy i Joda hozao ty lahilahy i Israely: "Mana foko folo mifandray amy mpanjaka zahay, lafa zay manan-jo lako ty amy Dauida tany nareo zahay. Le manino nareo ro tsy midary anay? Vasa tsy torohevitsinay ty hanandesa ty mpanjaka himpoly ro nire velohany? "Fa azy vola i Lahilahy i Joa le mahery mare tany ty safa ty lahilahy Israely.

Chapter 20

¹Sendra nisy mpanakoronta raiky tamy toera raiky iny teo le i Seba ty anarany anakilahy Bikry, Benjamita raiky iny ie. Nitioky ty trompetra ie sady nivola hozao: "Tsy mana anjara amy Davida tsika, ro sady tsy mahazo drala amy anakilahy i Jese. Engaho ty lahilahy iaby holy an-tranony any, lahy Israely." ²Lafa zay le nanenga any Davida lahilahy Israely iaby le nagnoriky any Seba anakilahy i Bikry. Fe ty olo Joda nipitiky nanoriky ty mpanjakandrozy, baka amy lala i Jordana iaby le zisisky aJerosema any.³Lafa niavy tamy lapany ta Jerosema tao i Davida, le nangalaky ty valiny andevo folo ze nengany hiamby ty lapa ie, le nengany tamy trano raiky voaamby ndrozy. Nanome ze kila raha nilainy ie, fa tsy niara nandry tamindrozy sasy. Le nihily tao ndrozy zisiky nahavy ty fotoa nahafaty azy, niay manahaky ty somondrara ndrozy.⁴Le hozao tiasa mpanjaka tamy Amasa: "Vorio anay ty telo andro ty lahilahy Joda; tsy maintsy etoa avao koa iha." ⁵Le nandeha i Amasa namory ty lahilahy i Joda, fe naharitsy ela mare tany ty fetsy andro ze nandidia ty mpanjaka azy ie.⁶Le hozao tiasa Davida tamy Abisay: Henanizao i Seba anakilahy i Bikry le hanao raty antsika mandilasy ty nanovy i Absaloma. Andeso ty mpanompo ty tomponao, miaramilak rey, le hindingo ie, laha tsy zay hahita tana mimanda ie le tsy ho hitantsika." ⁷Le nandeha nagnia azy ty lahilahy i Joaba, niaraky tamy Keretita noho Peletita sady mpialy mahery iaby rey. Niala ta Jerosema ndrozy mba hagnia any Seba anakilahy i Bikry.⁸Lafa tamy vato bevata ta Gibeona tao ndrozy, le niavy i Amasa mba hitsena androzy. Fa nisikina i Joab taminy teny ty siky fialia, ze nisy fehin-bania tambalahany teny niaraky amy fipetraha mesobe ny nifehy taminizay. Sady lafa nandeha ie, le nilatsaky mesobe iny.⁹Le hozao tiasa i Joaba tamy Amasa: "Salama soa va iha, lahy rahalahiko? Norambesy i Joaba tampitiava tamy tanany havana ty vaoky Amasa mba horofany." ¹⁰Tsy niambiny i Amasa ty sabatsy kely ze tan-tanan-kavia i Joaba. Notsoboha i Joaba tamy tsarotsony teo i Amasa, le nivotsaky tamy tany ty tianainy rey, tsy namango azy sasy i Joaba, le nimaty i Amasa. Lafa zay le nagnia any Seba anakilahy i Bikry i Joaba noho Abisay rahalahany.¹¹Bakeo le niegny tamy Amasa teo ty raiky tamy lahilahy i Joaba, le hozao tiasa lahilahy iny: "Ze mikasiky any Joaba, noho ze mikasiky any Davida, engaho ie hagnoriky any Joaba." ¹²Nihosy ty liony tanivon-dala teo i Amasa. Lafa nihita lahilahy iny fa niegny ty olo iaby, le nafalony niala tamy lala teo ho ambaibo i Amasa. Nolongofany lamba tanabony teo safe fa hitany fa ze olo mandrio taminy teo le nijano. ¹³Lafa avy nala tamy lala teo i Amasa, le nanoriky any Joaba hagnia any Seba anakilahy Bikry ty lahilahy iaby.¹⁴Seba le nanapatapaka ty fokoa Israely iaby ta Abela a Beti-maka tany, noho heniky ty tany Berita iaby, ze nivory sady nagnia any Seba avao koa. ¹⁵Tratsy ie le nanovindrozy aritsatoky ta Abela ta Beti-maka tany. Nanondrotsy dokon-tany raiky aloha ty manda tamy tana eo ndrozy. Ty miaramila iaby ze nagnoriky any Joaba le nandrava ty manda mba hampiravoky anizay. ¹⁶Bekeo le nisy ampela raiky hendry nikaiky ty tan-tana tao manao hozao: " Hanjino, mba janjino lahy, Joaba lahy! Mandina anilako atoa mba ho afahako miresaky aminao." ¹⁷Le nagnanto azy i Joaba, hozao tiasa ampela iny: "Iha va ro i Joaba?" Le namaly hozao ie: "zaho ro ie." ¹⁸Le hozao tiasany aminy: "Janjino ty safa ty mpanomponao." Le hozao tiasany: "Fivolanan-drozy taloha ty manao hozao: 'Mila hevitsy amy A bela any,' sady zay hevitsy zay ro hampiegny ty olo." ¹⁹Zahay le tana raiky amy le vatany milamy rey noho atokisa mare amy Israely etoa. Mikinia handrava tana raiky ze reny Israely etoa iha. Manino iha ro mila hihina ty lova Yaveh?" ²⁰Le namaly i Joaba le nivola hozao: " Sanatria, le vatany sanatria amiko, ty hangalaky ndra hanimba. ²¹Tsy to zay. Fa misy lahilahy raiky baka amy tany vohitsy Efraima, kaiha hoe seba anakilahy i Bikry, nampitsanga ty tanany hanohitsy ty mpanjaka, hanohitsy any Davida. Ie raiky avao asesee , le hiala amy tana etoa zaho." Hozao tiasa ampela iny tamy Joaba: "Ho atoraky aminao eo mandilatsy ty manda ty lohany. ²²Le tamy fahendrea ro nagnatona ampela iny ty olo iaby. Notapahandrozy ty loha i Seba anakilahy i Bikry le natoran-drozy tamy Joaba teo. Bakeo le nitsoky ty trompetra ie sady nanenga ty tana azy lahilahy i joaba rey, ty lahilahy iaby ho an-tranony . Bakeo i Joaba le nimpoly ta Jerosema tany ho a Jerosema." ²³Le i Joaba le anabo ty miaramila iaby ta Israely, le i Benaia anakilahy i Joiada le anabo ty Ketretita noho Pelatita rey. ²⁴Adorama le anabo ty lahilahy ze nanao asan'andevao. Le i Josafata anakilahy Ahiloda ro mpitahiray. ²⁵Seva ro mpanoratsy lala, le i Zadoka noho Abiatara ro mpisoro. ²⁶Ira azy Jairita rey ro mpanolo-tsany any Davida.

Chapter 21

¹Nisy mosary naharitsy telo tao nifanoriky tamy andro tiahy davida, le nila ty vatany Yaveh i Davida. Le hozao tiasa Yaveh: " Aminareo eo ty mosary io hoho Saoly noho ty longony mpanompony olo , safe namono Gibeonita ie."²Le Gibeonita rey tsy niavy amy olon'Israely; fa avy amy sisa ty Amorita rey ndrozy. Fa nifanta tsy hamono androzy rey ty olon'Israely, fe niezaky hamono androzy avao tamy ty zotom-pony avao i Saoly hoahy olon'Israely noho Joda. ³Lafa zay i Davida Mpanjaka le nikaiky niaraky Gibeonita rey sady nivola hozao tamindrozy: "Ino va ro tokony hanoviko ho ahinareo? Manao akory ty hananoviko fanavota, mba hanomezanareo tsipy rano azy olon'Yaveh rey, ze mandova ty hasoany noho ty fampitamaniny?"⁴namaly azy hozao i Gibeonita: "Tsy resaky volafoty ndra volamena aminay noho Saoly ndra ty longony zay. Manahaky zay koa ro tsy amonoanay olo amy Israely ao." Le namay hozao i Davida: "Ino va ty volanireo fa tokony hanoviko aminareo?"⁵Namaly hozao ty mpanjaka ndrozy: "Azy lahilahy ze nikinia hamono anay iaby, ze nanao hevitsy hanohera anay , mba ho potiky zahay zao sady tsy hana toera amy sisintany Israely --- ⁶tokony hisy lahilahy fito baka amy ty tarihany hamea anay, le hagnanto androzy anatreha Yaveh a Gibeon tiahy Saoly any,azy raiky nitinginy Yaveh zahay." Le hozao tiasa mpanjaka: "Hameako anareo ndrozy."⁷Fa niferinay tamy Mefiboseta anakilahy Jonatana anakilahy Saoly ty mpanjaka, noho ty fanta Yaveh tamindrozy rey teo, tamy Davida noho Jonatana, anakilahy i Saoly. ⁸Fe nala ty mpanjaka azy anakilahy roe i Rizpa anakampela i Aia, anany baka amy Saoly--- Armony noho Mefiboseta ro anara ty lahilahy roe rey; le nala i Davida avao koa azy anakilahy limy amy Mikala anakampela i Saoly, ze baka amy Adriela anakilahy i Barzilay azy Meholatita iny. ⁹Nameany tan-tany ty Gibeonita rey ndrozy. Nahantondrozy tambohitsy taloha Yaveh tany ndrozy, le niaraky maty ndrozy fito. Tamy fotoa fiakara ty vokatsy ty namonoa androzy, tamy andro velohany tamy fiatomboha ty famoriam-bokatsy ty vary hordea.¹⁰Bakeo i Rizpa, anakampela i Aia, nangalaky lamba fisaona sady namelatsy anizay hoahy ty vatany tamy tendro vohitsy anila ty faty rey, baka amy ty veloha ty fanapafa ty vokatsy le zisiky amy ty nilatsaha ty ora tamindrozy rey teo baka andanitsy any. Tsy nengany hanakoronta ty maty rey ty voro ty lanitsy lafa atoandro ndra ty biby ly lafa haly. ¹¹Nivolany tamy Davida ze nanovy i Rizpa, anakampela i Aia, azy valy Saoly andevo iny.¹²Lafa zay le nandeha i Davida le nangalaky ty taola i Saoly noho ty taola i Jonatana anakilahiny tamy lahilahy i Jabesi-gileada, ze nangalatsy anirey tamy kianja ty olo itambara ta Beti-sana tany, tamy ze nampihatona ty Filistina androzy tany, lafa baka namono any Saoly ta Gilboa tany ndrozy. ¹³Nala i Davida hiala tao ty taola i Saoly noho ty taola i Jonatana anakilahiny, sady namory ty taola ty lahilahy fito rey avao koa ndrozy.¹⁴Nelevindrozy tamy tana Benjamina ta Zela ty taola i Saoly noho Jonatana anakiny, tamy lolo i Kisy babany. Nanovindrozy iaby ze kila raha iaby nandidia ty mpanjaka. tafaranizay le nivalian-Dranahare ty vavakindrozy hoahy ty tany.¹⁵Bakeo azy Filistianrey le nandeha nialy tamy Israely ndraiky. Lafa zay le nijotso niaraky tamy miaramilany i Davida le nialy anohitsy any Filistinarey. Vozaky ty aly i Davida. ¹⁶Jisibibenoba , tariha i Refaita ,azy nilanja telonjato sekely ty lefony saba, le ze nana mesobe fitaovam-pialia vaovao, le nikinia hamono any Davida. ¹⁷Kanefa i Abisay anaky Zeroia nanavotsy any Davida, nanafiky ty Filistina, le namono azy. Bakeo azy lahilahy Davida rey nifanta nanao hozao taminy: "Ts tokony handeha hialy miaraky aminay sasy iha, mba tsy hamonanao ty joro Israely."¹⁸Le tafaranio le nisy aly niaraky tamy Filistina ndraiky ta Goba tao, lafa nivonoo i Sibeka azy Hosatita iny i Safa , ze raiky tamy tariha i Refaita rey. ¹⁹Le nisy aly ndraiky tamy Filistina ta Goba rey, ze namonoa i Elanana anakilahy i Jere azy Betlehemita ahy Goliata azy Gatita iny, ze manahaky ty fory teno ty mpeneno ty lefony.²⁰Le amy aly hafa ta Gata tao le nisy lahilahy bevata nana ratsan-tana eny saky t tanany sady rantsan-tomboky eny saky saky ty tombony, roapolo efatsy amby ty isakiny. Baka amy tariha i Refaita avao koa ie. ²¹Lafa nanosotraky any Israely ie, le nivonoo i Jonatana anakilahy i Siea, rahalahany Davida. ²²Rey ty tariha i Refaita ta Gata tao, le novonoo ty tana i Davida noho ty tana miaramila rey ie.

Chapter 22

¹Nihira hoahy Yaveh rey tamy hira toy tamy andro ze nananota Yaveh azy tan-tana y fahavalony iaby, noho tan-tana i Saoly teo i Davida. ²Nivavaky hozao ie: "Yaveh ro vatolampiko, fiarova mare ho tiahy, azy Raiky ze mamonjy ahy.³Ndranahary ro vatolampiko. Mialoky aminy eo zaho. Ie ro fiarovako, azy tsifa ty famonjea ahy, noho fialaofako, azy Raiky ze manavotsy ahy amy ty hehaneha. ⁴Hikaiky any Yaveh, azy maeva ho tompoa zaho, le ho avotsy amy fahavaloko zaho.⁵Fa nihodidy ahy ty talindro ty fahafatesa, nande, nalempo rano nikiniky amy faharava zaho. ⁶Nihodidy ahy azy ty taly fiaina tsy hita ; namandrika ahy azy fandriky ty fahafatesa rey.⁷Tamy fijaleako ro nikaihako any Yaveh; nikaiky an-Dranahary zaho; nahare ty feoko baka amy fiangona Ie, le niavy tan-tsofiny teo ty fitoreovako.⁸Le nangotsoky noho vangitigitiky ty fiorena ty lanitsy. safe meloky Ndranahare.⁹Niakatsy baka amy vava ty orony any ty setroky, le afo mibelaky ro niboaky baka amy ty vavany. nampirehetnizay ty bolon'afo.¹⁰Namoha ty lanitsy Iele nijotso, le ty aizim-pito tambany lelatombony tao. ¹¹Nitikitsy Kerobima Ie le nitily. Hita tamy elatsy ty tsioky eny Ie. ¹²Nanoviny manahaky ty lay mihodidy azy ty maiky, namory rahon'ora matevy tamy lanitsy teny ie.¹³Baka amy tselatsy tanatrehany teo ro nilatsaha ty bolon'afo.¹⁴Yaveh nampihotroky baka an-danitsy eny. Nikoraky mare azy Anabo Mare iny. ¹⁵Nandefa kititsy Ie le nanamparitaky ty fahavalony rey----nandefa tselam-pahazava le nanaparitaky androzy¹⁶bakeo le niboaky ty tiondrano; niboaboaky tamy ty korakin'aly yave ty tsy fampisia dikany zao tontolo zao, tamy fipoaha ty fofon'ay ty vavoriny.¹⁷Nijotso baka anabo tany Ie; nitanjaky mare ahy Ie! Nisinto ahy tamy rano mitompa mare Ie.¹⁸Namonjy ahy tamy fahavaloko matanjaka Ie, tamy ze nalay ahy rey, safe le vatany natanjaka tamiko ndrozy.¹⁹my andro fijaleako le niavy nanohitsy ahy ndrozy, kanefa Yaveh ro mpanohana ahy.²⁰Nampiboaky ahy ho amy toera malalaky avao koa Ie. Namonjy ahy Ie safe faly tamiko. ²¹Fa namaly soa ahy tamy ty refy ty ha tò ko Yaveh; fa nampipoly ahy tamy polasiny tamy refy ty fahadiova ty tanako Ie.²²Fa efa nitary ty lily Yaveh zaho sady tsy mba nanao ze raty tamy fiala tamy Ndranahariko.²³Safe ty liliny to iaby lafa talohako teo; laha amy ty liliny ndraiky, le tsy nibio tamy rey zaho.²⁴Fa tsy nana hakeo taminy eo avao koa zaho sady niamby ty vatako tsy hanota zaho. ²⁵Lafa zay le nampoly Yaveh tamy taloha tamy ty refy ty ha to ko zaho, tamy ty refy ty fahadiovako tamasony teo. ²⁶Hoany ty raiky ze atokisa, nampitoro ty vatanao ho atokisa Iha; hoahy ty olo ze tsy mana hakeo, le nampiboaky ty vatanao ho tsy misy fahadisoa Iha. ²⁷Amy ty malio le nampiboaky ty vatano ho malio Iha, fa mivaliky amy ty mpiodakodaka Iha.²⁸manavotsy ty olo mijaly Iha, fe ty masonao le manohitsy ty mpirengirengy, le ambanianao ndrozy rey. ²⁹Fa Iha ro fahazavako, lahy Yaveh. Manazava ty maikiko Yaveh.³⁰Fa noho Iha le afaky le afaky milay mandilatsy ty saka zaho; noho azy Ndranahariko le afaky matseka rindry zaho. ³¹Laha ty amy Ndranahare , tanteraky ty lalany. Malio ty safa Yaveh. Ie le fiarova hoahy ze mialoky Aminy iaby.³²Fa ty Ndranahare ankoatsy Yaveh, sady ia ro vatolampy ankoatsy Ndranaharitsika? ³³Ndranahare ro fialofako, sady mitariky ty oloko tsy mana hadisoa amy ty lalany Ie.³⁴Mampalaky ty tomboko manahaky ty diara Ie sady manenga ahy ambohitsy anabo eny. ³⁵Manazatsy ty tanako amy ty aly Ie, noho ty sandriko hampiforitsy ty kititsy saba. ³⁶fa nanome ahy ty fialofa ty famonjea Iha, sady sitrakinao ro nanao ahy ho bevata.³⁷Fa nanao toera malalaky hoahy ty tomboko tambaniko teo Iha, le tsy nibolisatsy ty tomboko. ³⁸Nagnia ty vahavaloko rey zaho le nandrava androzy. Tsy nimpoly zaho zisiky naharava androzy. ³⁹Nampitranaka androzy noho namotipotiky androzy rey zaho; le tsy afaky nionngaky ndrozy. Tonta tambany lelatomboko tao ndrozy.⁴⁰Nanenga ty hery tamiko tao manahaky ty fehin-bania ho amy ty aly Iha; nanenga ze nanohitsy ahy tambaniako rey Iha. ⁴¹Nanome ahy ty hatoky ty fahavaloko rey Iha; nandrava ze nalay ahy zaho.⁴²Nikaiky hazolava ie, fe tsy nisy nanavotsy androzy; nikaiky mare any Yaveh ndrozy, fe tsy namaly androzy Ie. ⁴³Namango androzy ho raha maliniky manahaky ty posiera amy ty tany zaho, notorotoroako manahaky ty fotaky amy lala eny ndrozy.⁴⁴Fa namonjy ahy tamy ty tsy fifanara ty oloko avao koa Iha. Fa notatanao ho loha ty firenena zaho. Ty olo ze tsy haiko le manompo ahy. ⁴⁵Sere handohaliky tamiko vahiny rey.Laha vo nahare ty momb ahay ndrozy, le nanoriky ahy. ⁴⁶Le niboaky tamy fangitikitaha tamy fiarova marendrozy azy vahiny rey.⁴⁷Velo Yaveh! Ho tompoa lahy ty vatolampiko. Hasondrotsy lahy Ndranahary, azy vatoampy ty famonjea ahy. ⁴⁸Zay ty Ndranahare ze manatanteraky famalea ho tiahy, Azy Raiky ze manambany ty olo lako ambaniny eo. ⁴⁹Magnafahy ahy amy fahavaloko rey Ie. Le vatany nanondrotsy ahy ho anabo ze nitsanga ahanohitsy ahy Ie. Mamonjy ahy amy lahilahy lako nehaneha Iha.⁵⁰Lafa zay le hanesy fisaora ho Ahinao, amy firenena rey eo zaho, lahy Yaveh; hihira fanompoa hoahy ty anaranao zaho. ⁵¹Ndranahare manome fandrese a bevata hoahy ty mpanjakany, sady manatoro ty tsy fivaliham-panenkeany amy azy nohosorany ie, hoahy Davida noho hoahy ty tarihanay mandrakizay."

Chapter 23

¹Retia ty safa i Davida farany---Davida anakilahy i Jese, azy lahilahy le vatany namea voninahitsy, ay lahilahy ze nohosoran-Ndranahare i Jakoba iny, azy mpanao salamo soasoan'Israely . ²Ty fanahy Yaveh mivola tamy alalako, sady tamy lelako teo ty safany.³Nivola ty Ndranahare Israely, nivola tamiko manao hozao ty Vatolampy Israely: 'Azy manapaky ty olo amy ha to, azy manapaky amy fahavaka an-Dranahare iny. ⁴Ie le manahaky ty fahazava ty maray lafa miposaky ty masoandro, maray tsy misy raho, lafa mitiry baka amy ty tany ty akata maintso amy alala ty fipiriaha ty masoandro afara ty ora.⁵Eka vatany, tsy manahaky zay anatrehan-Dranahare va ty longoko? Tsy fa nanao fanenkea mandrakizay, voalahatsy noho azo antoky amy fomba iaby tamiko va Ie? Vasa tsy mampitombo ty faniriako iaby va Ie?⁶Kanefa tsy maeva le ho manahaky ty fatiky aria iaby, safe tsy voavory ty tanan'olo rey . ⁷Ty olo ze mikasiky androzy le tsy maintsy mampiasa fitaova vita baka amy ty vy ndra kititsin-defo. Tsy maintsy oroa amy ze ipetrahany rey."⁸Retia iaby ty nara ty miaramila mahery tiahy Davida: Josebala azy Takeminita iny ro mpitariky ty miaramila mahery. Nahafaty lahilahy valonjato tanay ty andro raiky ie.

⁹Manorikoriky azy i Eleazara, anakilahy i Dodo, anakilahy i Ahohita, azy raiky amy lahilahy telo maheriny tiahy Davida. Teo ie tamy naharendrozy ty Filistina ze nivory niharo mba hialy, noho tamy nihemora ty lahilahy Israely. ¹⁰Nitsanga i Eliazara sady nialay tamy Filistina zisiky mahavozaky ty tanany sady nipitiky tamy taho ty mesobe teo ty tanany. Nanday fandreseha bevata tamy zay andro zay Yaveh. Nimpoly nanoriky any Eleazara ty miaramila, mba hitimpo ze maty fahatany avao.¹¹Nanoriky azy i sama anakilahy i Age, azy hararita iny. Niara nivory tamy zay nisy tany ty lojy ty Filistina, le ty miaramila nilay androzy. ¹²Fa i Sama le nitsanga tanivo ty baibo ao sady niaro anizay. Novonoany ty Filistina, sady nanday fandreseha bevata Yaveh.¹³Ty telo tamy miaramila telopolo le nijotso tamy Davida tany tany ty fotoa ty fiakara ty vokatsy, tany ty fivonia ty Adolama tao. Nivory tam-baibo i Refaita teo ty miaramila Filistina rey. ¹⁴Tamy fotoa zay i Davida le tamy fiarova mare, lakato raiky, lafa nipetraky ta Betlehema tao ty Filistina.¹⁵Nila rano i Davida le hozao tiasany: "Laha mba misy olo manome ahy rano honomikko baka amy vovon-drano a Betlehema tao, azy vovo anila ty vavahady henanizao!" ¹⁶Le nanapatapaky ty miaramila Filistina rey azy lahilahy telo matanjaky rey le nangalaky rano baka amy ty vovon-drano anila ty vavahady eo. Nalandrozy ty rano le nandesiny tamy Davida any, fe tsy nanenky hino anizay ie.Fa rarany hoahy Yaveh avao zay. ¹⁷Bakeo le hozao tiasany: "Yaveh lahy, sanatria laha manao manahaky zay zaho. Tokony hino ty lio ty lahilahy ze nanao soro ty ainy va zaho?" Le nada tsy hino anizay ie. Ay raha rey ty nanovy ty lahilahy telo matanjaky.¹⁸Abisay, rahalahy Joaba sady anakilahy i Zeroia, ro kapitenindrozy telo. Nialy tamy lahilahy telo arivo lahy ie sady namono androzy tamty lefp. Voatona tsikanikany niaraky tamy miaramila telo ie.

¹⁹Tsy nalaza tany azy lahilahy telo va ie? Nanovy kapitenindrozy ie. Fe, ty lazany le tsy mifanahaky tany ty laza ty miaramila lahilahy telo malaza mare.²⁰Benaia baka a Kabezela any le anakilahy i JOiada; ie le lahilahy matanjaky ze nanao asa bevata. . Namono ty anakilahy i Ariela roe ta MOaba tany ie. Nijotso tanay ty lavaky avao koa ie sady namono liona tamy mbo nisy ora ty nintsy iny. ²¹Le namono lahilahy Egyptiana lako ie. Nana lefo tantanany teny azy Egyptiana iny, fe tamy kobay avao ro nialia i Benaia taminy. Nafahany tany tana Egyptiana iny ty lefp le tamy lefony avao ro namonoany azy.²²Benaia anakilahy Joiada ro nanao anizay asa bevata zay, le nankalaza niaraky tamy ay lahilahy telo matanjaka ie. ²³Laha ty tena ie le nalaza tany miaramila telopolo rey ie, fe tsy le vatany nalaza manahaky ty miaramila lahilahy telo matanjaka mare. Fe i Davida nampiakatsy azy ho mpiamby azy.²⁴Anay ty telopolo azy lahilahy manoriky retia: "Asahela rahalahy i Joaba, Elanana anakilahy i Dodo baka a Bethlehema tany, ²⁵Sama azy Harodita iny, Elika azy harodita iny, ²⁶Heleza azy Paltita iny, Sady anakilahy Ikesy azy Tekoita iny, ²⁷Abiezera azy Anatotita iny, Mebonay azy HOSatita iny, ²⁸Zalmona azy Ahohita iny, Maharay azy Netofatita iny,²⁹haleba anakilahy i Bana, azy Netofatita iny, Itahy anakilahy i Ribay baka a Gibeia tariha i Benjamina, ³⁰Benaia azy Piratonita iny, Hiday baka amy tany malemy i Gasy. ³¹Abi-albonaazy arbatita iny, Azmaveta azy Psaromita iny, ³²Eliaba azy Salbonita iny, anakilahy i Jasena, Jonatana anakilahy i Sama azy Hararita iny,³³Ahiama anakilahy i Sarara azy Harirata iny, Elifeleta anakilahy i Ahasbay azy Makatita iny, ³⁴Eliama anakilahy i Ahitofelaazy Gilonita iny, ³⁵Hezray azy Karmelita iny, Paray azy Arbita iny, ³⁶Jigala anakilahy Natana baka a Zoba any, Bany baka amy fokoa i Gadita,³⁷zaleka azy Amonita iny, Naharay azy Berotita iny, mpanday ty fitaovam-pialia hoahy i JOba anakilahy i Zeroia, ³⁸Ira azy Jitrita iny, Gareba azy Jitrita iny, ³⁹Oria azy Hetita iny---telopolo fito amby ndrozy iaby.

Chapter 24

¹Le nahzo any Israely iaby ty heloky Yaveh, le nanoviny manohitsy androzy manao hozao i Davida: "Mandina, hisafo Israely noho i Joda." ²Nivola tamy i Joaba mpifehy ty miaramila, ze niaraky tamy mpanjaka manao hozao: "Mandinaheniky ty fokoa Israely iaby, Baka a Dana le zisiky a Beri-sheba any, sady hisafo iaby ty olo, mba hahazako ty fitambarany ty isaky ty lahilahy maeva ty aly." ³Hozao tiasa i Joaba tamy mpanjaka: " Afaky mampitombo ty hisaky ty olo injato va Yaveh Ndranaharinao, sady afaky magnenty ty fisehoa zay va ty maso mpanjaka tompoko. Fe manino maniry anizay ty mpanjaka tompoko?" ⁴Ndra zay aza, ty safa mpanjaka le manohitsy any Joaba noho nanohitsy ty mpifehy ty miaramila farany. Le niboaky tamy fanatreha ty mpanjaka i Joaba noho mpifehy rey mba hanisaky ty olon'Israely. ⁵Niampita any Jordana le nvory tanila i Aroera, antimo ty tana an-doham-baibo any ndrozy. Le nandroso baka a Gada tany le zisiky a Jazera ndrozy. ⁶Niavy ta Gileada noho tany tany ty Tatima-hodsy ndrozy, bakeo le ta Danajana tany le nihodidy zisisky amy Sidona any. ⁷Niavy tany fiambena mare i Tyro noho ty tana i Hivita noho ty Kananita iaby ndrozy. Bakeo le niboaky nandeha a Negeva a Joda a Beri-sheba any ndrozy. ⁸Ka lafa baka nikarioky nitety ty tany iaby ndrozy, le nimpoly ta Jerosalema tany ndrozy tany ty fara ty sivy vola noho roapolo ando. ⁹Le nanday ty fitambara ty isa lahilahy mpialy rey tany mpanjaka i Joaba. Nisy lahilahy be herim-po 800.000 ze nampiboaky mesobe tany Israely tao, le azy lahilahy tiahy Joda le lahilahy 500.000. ¹⁰Le nampijaly azy ty fokoa i Davida lafa baka nanisaky lahilahy rey ie. Le nivola hozao tany Yaveh ie: "Le vatany nanota tany fananova zay zaho. Henanizao, lahy Yaveh, afaho ty fahadisoa ty mpanomponao, fa le vatany nanao hadala zaho." ¹¹Lafa nifoha i Davida lafa maray, le niavy tany Gada mpaniny, mpahita tiahy Davita ty safa Yaveh, manao hozao: ¹²"Mandina volano hozao amy Davia: 'zao ty vola Yaveh: "Manome safidy telo anao zaho. Le mitingina raiky amirey." ¹³Le nandeha amy Davida any i Gada le nivola hozao taminy: "Mosary telo tao va ro ho avy aminao amy taninao ao? sa hilay telo vola ty vahavalonao rey va iha lafa ndrozy magna anao? Sa hisy arety maandrava telo andro amy taninao ao? Henanizao manapaha hevitsy ty amy ze valiny tokony havaliko Tiazy nampaniraky ahy." ¹⁴Le hoza o tiasa i Davida tany Gada: "Le vatany anay ty fikorontana zaho. Tokony ho maty an-tana Yaveh tsika tany an-tana ty olo, safe le vatany bevata ty fiferinesany." ¹⁵Le nandefa arety mandrava tany Israely nanomboky ty maray le baka amy fotoa nitinginy Yaveh, le olo fito aly ro nimaty nanomboky ta Dana le zisiky ta Beri-sheba. ¹⁶Lafa nanampatsy ty tanany nandeha ta Jerosalema tany mba handrava nizy ty anjely, le nivaliky hevitsy noho ty raty naterakizay Yaveh, le nivola tany anjely ze nandrava ty olo hozao le: "Soa zay! henanio le ampolio ty tananao." Tamy fotoa io le ty anjely Yaveh le nitsanga tany amy fagnajaria tovom-bary atiahy Araona Jebosita ao. ¹⁷Le nivola tany Yaveh i Davita lafa nahita ty anjely ze namango ty olo, sady nanao hozao: " Fa nanota zaho, sady raty fanandesana vata. Fe azy aondry rey, ino ty nanoviny?" E nganie mba zaho noho ty longo ty babako ro ho sazia ty tananao! ¹⁸keo le niavy tany Davida teo tany andro io i Gada le nivola hozao taminy: "Manganiha sady manamboara alitara hoahy Yaveh amy famoria tahom-bary tiahy Araona azy Jebosita eo. ¹⁹Le niakatsy ze nandidia i Gada azy ho anoviny Davida. ²⁰Nagnety tambaliky tany i Arona le nahita ty mpanjaka noho mpanompony rey nagnanto. Le niboaky i arona le nampandohaliky ty vatany tany tany amy mpanjaka teo ²¹Le hozao tiasa i Arona: "Nanino iha ro niavy amiko atoy, mpanompony, ty mpanjaka tompoko?" Namaly hozao i Davida: "Hivily ty famoria tahom-bary , ba hahazako hanamboatsy alitara hoahy Yaveh, mba hiala ty arety mandrava amy ty olo eo." ²²Hozao tiasa Araona tany Davida: "Anovo manahaky anao zay, lahy mpanjaka tompoko. Anovo amizay zay soa imasonao eo. Ingo, retia misy aomby atao fanday horoa noho famofoham-bary sady jioga ty aomby atao kata. ²³Raha iaby retia, lahy mpanjaka, zaho Arona, le hanome anao anizay." Le hozao tiasany tany mpanjaka: " Hanenky anao lahy Yaveh Ndranaharinao." ²⁴Hozao tiasa ty mpanjaka tany Araona: "Aha, hoviako amy ty viliny zay. Tsy nanesy fanday horoa hoahy Yaveh amy ty raha ze nisasarako zaho." Le nivolia i Davida sekely volafoty dimampolo ty famoria ty tahom-bary noho ty aomby. ²⁵Nanamboatsy alitara hoahy Yaveh tao i Davida sady nanday fanday oroa noho fandaim-pilongoa tamizay teo. Le nangataky tany Yaveh ho amy tany ndrozy, le nampiegnny ty arety mandrava heniky any Israely Ie.

1 Kings

Chapter 1

¹Lafa tena antitsy i Davida Mpanjaka, le niirakofan-drozy tany ty bodofotsy ie, kanefa tsy nety nahazo hafana. ²Ka le hoy mpiasany rey taminy: " Engaho tsika hila ampela mbo tsy mahasaky lahy ho ahy ty mpanjaka tompontsika. Engaho ie hanompo ty mpanjaka noho hikarakara azy. Engaho ie hiroro an-tsandriny eo mba

hanafana ty mpanjaka tompontsika."³Le nila aja ampela soa tarehy era ty fari-tany Israely ndrozy. Nahita an'i Abisaga Sonemita ndrozy ka le nanday azy amy ty mpanjaka any. ⁴Tena soa tarehy vatany azy aja ampela iny. Nanompo ty mpanjaka noho hikorakara azy ie, nefa tsy niaraky niroro taminy ty mpanjaka.⁵Tamy fotoa zay, i Adonia anakialhy i Hagita ro nanondrotsy ty vatany, nanak hozao: "Zaho ro ho mpanjaka." Ka le nanoma kalesa noho mpion-dra sovaly niaraky tamy ty dimampolo lahy mba handeha hitari-dala azy ie. ⁶Ty babany ro tsy mbo nanakorontan-tsay azy, nanak hozao: "Nanino iha ro nanao zao ndra zao?" I Adonia ro lahilahy tena soa tarehy, teraky nanarakaraky an'i Absaloma.⁷Nifampiresaky tamy i Joaba anaky i Zerou noho tamy ie Abiatara mpisoro ie. Nanaraky an'i Adonia ndrozy ka le nanampy azy. ⁸Fa Zedoka mpisoro, noho Benaia anaky i Joiada, noho Natana to-resakiny, Simey, Rey, sady ty lahilahy mahery ze an'i Davida koa ro tsy mba nanaraky an'i Adonia.⁹Sady Adonia nanao soro aondry noho aosy, aomby sady anak'aomby mota tanila ty vato i Zohelata eo, ze anila i En-rogela eo. Nasiany iaby ty rahalahiny iaby, anakilahy ty mpanjaka rey, sady ty lahilahy i Joda iaby, noho mpiasa ty mpanjaka rey. ¹⁰Fe tsy nanasa an'i Natana to-resakiny, noho Benia sady lahilahy mahery rey, ndra i Solomona rahalahiny ie.¹¹Sady Natana nivola tamy i Batseba reny i Solomona, nanao hozao: "Mbo tsy renao va fa nanjary mpanjaka i Adonia anakilahy i Hagota, sady tsy mahay zay i Davida tompontsika?" ¹²Laha zay le engao zaho hanoro hevitsy anao zao, mba hamonjea ty ainao noho ty ay i Solomona anakilahinao.¹³Mandehana mana amy i Davida mpanjaka any; volano aminy hozao: 'Mpanjaka tompoko e, moa va iha tsy nivola tamy ty mpiasanao, nanao hozao: "Azo antoky fa i Solomona anakilahinao ro hanjaka hanolo ahy, sady hipetsaky amy ty seza fipetrahako eo ie?" Ka le nanino ro Adonia ro manjaka?' ¹⁴Laha mbo miresaky amg ty mpanjaka eny iha, le ho avy afaranao ao zaho sady hampahery vatanao rozy."¹⁵Ka le nana amy ty efitsano ty mpanjaka i Betseba ao. Fa tena antitsy ty mpanjaka, sady Abisaga Sonemita ro nanompo ty mpanjaka. ¹⁶Nanondriky ty vatany noho nandohaliky tanila ty mpanjaka eo i Betseba. Le hoasa ty mpanjaka hozao: "Ino ro irinao?" ¹⁷Le hoy ie taminy: "Tompoko e, iha nivola tamy ty mpiasanao tamy ty alala i Yaveh Njanaharinao, nicola hozao: 'Azo antoky vatany fa i Solomona anakilahinao ro hanjaka hanolo ahy, sady hipetsaky amy ty seza fipetsahako eto ie.'" ¹⁸Amy zao, ingo, Adonia ro mpanjaka, sady iha, mpanjaka tompoko e, le tsy mahay zay.¹⁹Nanao soro aomby, anak'aomby mota, noho aondry noho aosy lako tena lako ie, sady nanasa anakilahy ty mpanjaka iaby rey, Abiatara mpisoro, sady Joaba kapiteny ty tafiky, kanefa tsy nanasa an'i Solomona mpiasanao ie.²⁰Fa laha ty aminao, mpanjaka e, ty maso ty Israely iaby ro aminao eo, mandiny anao mba hivola amin-drozy hoe ia ro hipetsaky amy ty seza fipetsaha hanolo anao eo, tompoko e. ²¹Fa laha tsy zay, le hampoly hanahaky ty mpanao sazy zaho noho Solomona anako, lafa homaty miaraky amy razany rey ty mpanjaka tompoko."²²Sady laha mbo miresaky tamy ty mpanjaka ie, le nilitsy i Natana to-resaky. ²³Mpiasa rey nivola tamy ty mpanjaka hozao: "Io i Natana to-resaky." Lafa nandroso taloha ty mpanjaka eo ie, le nampandohaliky ty vatany tanila ty mpanjaka eo ro sady niboaky tamy ty tany ty tarehiny.²⁴Hoy i Natana: Mpanjaka tompoko e, nicola va iha hoe: 'I Adonia ro hanjaka hanolo ahy, sady hipetsaky amy ty seza fipetsahako eo ie?' ²⁵Safe nandeha nijotso ie androany sady nanao soro aomby, noho anak'aomby mota, sady aondry noho aosy lako tena lako, noho nanasa ty anaky mpanjaka iaby, kapiteny ty tafiky rey, sady Abiatara mpisoro. Mihinana noho minoma alohany eo ndrozy, ka le mivola hozao: "Ho ela velo lahy i Adonia mpanjaka!" ²⁶Fa zaho, mpiasanao, noho Zadoka mpisoro, Benaia anakilahy i Joiada, sady Solomona mpiasanao, ro tsy volaniny zahay. ²⁷Le nanao zay ka le tsy nivola taminay, mpiasanao, ze tokony hipetsaky amy ty seza fipetsaha eo hanolo azy va ty mpanjaka tompoko?"²⁸Le namaly i Davida mpanjaka ka le nanao hozao: "Kaiho himpoly amiko eto i Batseba." Le nilitsy tanila ty mpanjaka eo ie sady nitsanga taloha ty mpanjaka eo. ²⁹Nanao vava ty mpanjaka ka le nanao hozao: "Laha mbo velo koa i Yaveh, ze nanafaky ahy tamy ty olo iaby, ³⁰manahaky ty nananovako vava taminao tamy ty alala Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, manao hozao: "Hanjaka hanolo ahy i Solomona anakinao, sady hipetsaky amy ty seza fipetrahako eo amy ty toerako eo ie, le haratoko zay androany." ³¹Le nanondriky ty tarehiny tamy ty tany i Batseba, sady nampandohaliky ty vatany taloha ty mpanjaka eo nanao hozao: "Ho velo zisiky farany lahy Davida mpanjaka tompoko!"³²Hoy i Davida mpanjaka hozao: "Kaiho hana amiko atoy i Zadoka mpisoro, noho Natana to-resaky, sady Benaia anaky i Joiada." Ka le nana anila ty mpanjaka eo ndrozy. ³³Le hoasa ty mpanjaka tamin-drozy hozao: "Andeso miaraky aminareo ty mpiasa ty tomponareo, sady ampiondrano ty apondrako i Solomona anakilahiko ka le andeso mijotso a-Gihona any ie." ³⁴Engaho i Zadoka mpisoro noho Natana to-resaky hanosotsy azy ho mpanjaka amy ty Israely eo sady hitsioky ty trompetsa ka le nanao hozao: "Ho ela velo lahy i Solomona Mpanjaka!" ³⁵Le hiakatsy hanaraky azy nareo, ka le hilitsy noho hipetsaky amy ty seza fipetsahako eo ie; safe go mpanjaka amy ty toerako eo ie. Zaho fa nitondro azy ho mpanday amy ty Israely eo noho Joda." ³⁶Le namaly ty mpanjaka i Benaia anaky i Joiada, ka le nanao hozao: "Ho tanteraky lahy zay! Hampaherezy Yaveh, Njanahary ty mpanjaka tompoko, lahy zay. ³⁷Manahaky ty nitahy i Yaveh mpanjaka tompoko lahy, ro hanampy an'i Solomona koa, sady hanovy bevata laha ty seza fipetsaha i Davida mpanjaka tompoko ty seza fipetrahany." ³⁸Ka le lasa nijotso niaraky tamy i Solomona niondra ty apondra i Davida mpanjaka i Zadoka mpisoro, Natana to-resaky, Benaia anaky i Joiada, noho Keretita rey, sady Peletita rey, nandesin-drozy

nijotso ta Gihona any ie. ³⁹Nangalaky ty tsifa misy menaky baka amy ty lay ao i Zadoka mpisoro sady nanosotsy an'i Solomona. Le nitsipazirano ndrozy ty trompetsa, sady hoy ty olo iaby hozao: "Ho ela velo lahy Solomona mpanjaka! " ⁴⁰Bakeo le niakatsy nanoriky a_ ty olo lako iaby, sady nitsioky sody ty olo lako sady nifalifaly tamy ty fifalea bevata, ka le nihizongozo noho ty feon-drozy ty tany. ⁴¹Sady i Adonia noho vahiny iaby ze niaraky taminy rey naharé zay lafa baka nihina ndrozy. Lafa naharé ty feo ty trompetsa i Joaba, le hoy ie hozao: "Manino ro misy korakoraky amy ty tanà eto?" ⁴²Laha mbo nivola ie, le niavy i Jonatana anaky i Abiata mpisoro. Hoasa i Adonia hozao: "Mandrosoa, fa lahilahy maeva iha sady manday vaovao mahafaly." ⁴³Le namaly i Jonatana ke le nivola tamy i Adonia hozao: "Davida mpanjaka tompontsika fa nanao an'i Solomona ho mpanjaka, ⁴⁴sady ty mpanjaka fa naniraky an'i Zadoka mpisoro, Natana to-resaky, noho Benia anaky i Joiada, sady Keretita noho Peletita rey. Fa nampiondranin-drozy ty apondra ty noho mpanjaka i Solomona. ⁴⁵Zadoka mpisoro noho Natana to-resaky ro fa nanosotsy azy ho mpanjaka ta Gihona, sady niakatsy tam-pifalea baka any, hondy ka le anay korakoraky ty tanà. Zay ro korakoraky renao. ⁴⁶Sady mipetsaky amy ty seza fipetraha ty fanjaka eo avao koa i Solomona. ⁴⁷Fanampy zay, le avy nitsi-pirano an'i Davida mpanjaka tompontsika ty mpiasa ty mpanjaka, nanao hozao: "Hanovin-Janahary soa noho ty anaranao lahy ty anara i Solomona, sady hanoviny bevata noho ty seza fipetsahanao lahy ty seza fipetrahany.' Le nandohaliky tan-kitsely eo ty mpanjaka. ⁴⁸Le hoy koa ty mpanjaka hozao: "Tompoy lahy Yaveh, azy Njanahary ty Israely, ze fipetsahako amy andro zao, ka le afaky mahita zay ty masoko." ⁴⁹Le natahotsy vahiny i Adonia iaby rey. Le nitsanga ndrozy ka le samby nandeha tamy ty lalany iaby. ⁵⁰Sady Adonia ro natahotsy an'i Solomona ka le nitsanga, nandeha, sady nitandraky ty tsifa ty alitara. ⁵¹Bakeo le nambara tamy i Solomona mpanjaka i Adonia, safe nitandraky tsifa ty alitara rey ie, nanak hozao, 'Engaho i Solomona mpanjaka hivola amiko aloha fa tsy hamono ty mpiasany amy ty meso-bevata ie." ⁵²Le hoasa i Solomona: ""Laha hanoro ty vatany ho lahilahy maeva ie, ndra le volony-raiky aza tsy ho latsaky amy ty tany, fa laha haratia koa ro hita aminy ao, le ho maty ie." ⁵³ka le naniraky olo i Solomona mpanjaka, ze nanday an'i Adonia nijotso baka amy ty alitara eo. Le niavy ie ka le nandohaliky tamy i Solomona Mpanjaka eo, sady hoasa i Solomona taminy: "Mandehana an-tsanonao any."

Chapter 2

¹Lafa mariny ty andro nahafaty i Davida, le nibeko an'i Solomona anany ie, nanao hozo: ²"Handeha amy ty lala ty tany iaby zaho. Mahereza, lana zay, sady atoro fa lahilahy ty vatanao. ³Tano lily i Yaveh Njanaharinao ze mandeha amy ty lalany rey, enkeo lalàny rey, fanapahan-kevitsiny rey, sady lilim-panenkea rey, miembena amy ze voasoratsy amy ty lalà i Mosesy ao, mba hotahiny amy ze iaby anovinao iha, ndra aia ndra andehananao, ⁴mba hafaha i Yaveh manantanteraky ty safany ze nivolaniny mikasiky ahy, manao hozo: 'Laha manenty soa ty fandaisam-batany anakilahinao rey, sady handeha alohako eo tam-patokisa miaraky amy ty fo noho fanahindrozy iaby, le tsy hijano ty hana lahilahy amy ty seza fipetsahan'Israely eo iha. ⁵Iha avao koa ro mahay ze nanovy i Joaba anaky i Zeroia tamiko, sady ze nanovy tamy ty mpifehy roe ty tafiky Israely, ke tamy i Abnera anamilahy i Nera, sady tamy i Amasa anakilahy i Jetera, ze nivonony. Nizarany tam-piadana ty lio ty aly sady napetany tamy ty santira niodidy eo ty valahany noho tamy ty kapa tan-tombony eo ty lio ty aly. ⁶Mifanaraky amy i Joaba amy ty alala ty fahendrea fa nianaranao, fe mba ka enga hijotso amy ty lolo am-piadana any azy volo foty iny. ⁷Nera zay aza, manoro hasoam-panahy amy anakilahy i Barzilay Gileadita rey, sady engao ho hisa ze hihina an-databatsinao rey eo ndrozy, fa niavy tamiko tatoy ndrozy lafa nilay baka amy i Absaloma rahalahinao any zaho. ⁸Ingo, fa miaraky aminaio i Simey anakilahy i Gera, azy Benjamina baka Bahorima any iny, ze nanozo ahy tamy ty ozo mahery maré tamy ty andro nandehanako ta Mahanaima any. Le nijotso hamonjy tamiko ta Jordana any i Simey, sady nivola taminy tamy ty alala Yaveh zaho, nanao hozo: 'Tsy hamono anao ahy ty meso-bevata zaho.' ⁹Ka le amy zao mba ka enga ho afaky amy ty sazy ie. Lahilahy hendry iha, sady ho hainao ze tokony hanovinao aminy. Handesinao mijotso amy ty lolo any miaraky amy ty lio ty volo avao. ¹⁰Bakeo i Davida ro nimaty niaraky tamy razambeny rey sady nalevy tamy ty tanà i Davida. ¹¹Efapolo tao teo ty fotoa nanjaka i Davida tamy Israely rey. ¹²Nanjaka tanay ty fito tao ta Hebrona any ie sady ta Jerosalema any tanay ty telopolo tao. Sady nipetsaky tantseza fipetsaha i Davida babany eo i Solomona, sady tafapetraky spa ty fandaisany. ¹³Le niavy tamy i Batseba reny i Solomona any i Adonia anakilahy i Hagita. Hoy ie hozo: 'Avy mba hilongo va iha?' Namaly ie zao: 'Hilongo.' ¹⁴Le hoy ie hozo: 'Misy raha ho volaniko anao.' Ka le namaly ie hozo: 'Volano.' ¹⁵Hoasa Adonia hozo: 'Hainao fa ahy ty fanjaka, sady ty Israely iaby ro fa nanantena ahy ho mpanjaka. Fe niova ty raha iaby, sady namea ho ahy ty rahalahiko ty fanjaka, fa azy baka amy i Yaveh zay. ¹⁶Amy zao le mana fangataha raiky aminaio zaho, sady mba ka andana zaho.' Hoasa Batseba taminy hozo: 'Volano.' ¹⁷Le hoy ie: 'Resaho lahy Solomona mpanjaka, fa tsy hiala anao ie, mba hafahany manome ahy an'i Abisaga azy Sonemita iny mba ho valiko.' ¹⁸Hoy i Batseba: 'Eka, hiresaky amy ty mpanjaka zaho. ¹⁹Laha zay le nandeha tamy i Solomona mpanjaka i Batseba any mba hiresaky aminy ho an'i Adonia. Le nitsanga ty mpanjaka hamonjy taminy sady niondriky taminy eo. Bakeo le nipetsaky tamy ty seza fipetrahanany eo ie sady nana seza fipetsaha nandesy ho ahy ty reny ty mpanjaka. Ke nipetsaky baka an-kavanany eo ie. ²⁰Sady hoy ie hozo: 'Mba te-hanao fangataha kelikely aminaio zaho, safe tsy handà ahy iha.' Le namaly azy ty mpanjaka hozo: 'Angataho, neniko e, fa tsy handà anao zaho.' ²¹Le hoy ie: 'Aleo i Abisaga azy Sonemita mba hamea an'i Adonia rahalahinao ho valiny, ²²Namaly i Solomona mpanjaka sady nivola tamy ty reniny hozo: 'Nanino iha ro mangataky an'i Abisaga Sonemita ho an'i Adonia? Nanino iha ro tsy nangataky ty fanjaka ho anazy avao koa, safe ie ro anakilahy velohany _ ho anazy, ho ahy i Abiatara mpisoro, sady ho ahy i Joaba anakilahy i Zeroia va?' ²³Bakeo le nivola tamy Yaveh i Solomona mpanjaka, nanao hozo: 'Enga anie Njanahary hanao zay amiko, sady bevata vatany, laha tsy nanohitsy ty ainy tamy safa zay i Adonia. ²⁴Ka le laha zay laha mbo velo koa Yaveh, ze nampipetsaky ahy noho nanao ahy tany ty seza fipetsaha i Davida babako eo, sady fa namboatsy tsano ho ahy manahaky ty nampanantenainy tamiko, le azo antoky fa hovonoa i Adonia henanikio.' ²⁵Ka le naniraky an'i Benaia anaky i Joiada i Solomona mpanjaka, sady nahita an'i Adonia i Benaia ka le namono azy. ²⁶Bakeo le hoasa Abiatara mpisoro tamy ty mpanjaka hozo: 'Mandehana Anatota any, amy baibonao any. Fa maeva ty ho maty iha, fe tsy hanenga anao ho maty amy fotoa zay zaho, safe nanday ty fiondrana Yaveh Tompoko tanila i Davida babako eo iha sady nijaly tamy ty fomba iaby nijalia ty babako eo.' ²⁷Ka le nirambesy i Solomona tsy ho mpisoro Yaveh i Abiatara, ka le mety hanantanteraky safa Yaveh rey ie, manahaky ze fa niresahany mikasiky ty longo i Ely ta Silo ao. ²⁸Niavy tamy i Joaba vaovao rey any, fa Joaba nanoha an'i Adonia, fa tsy nanoha an'i Absaloma. Ka le nilay tamy ty tsano lay i Yaveh i Joaba any sady nitanjaky ty tsifa ty alitara. ²⁹Nivolany tamy i Solomona Mpanjaka fa i Joaba ro nilay tamy ty tsano lay i Yaveh any sady anila ty alitara eo amy zao. Bakeo le naniraky an'i Benaia anaky i Jehodia i Solomona, nanao hozo: 'Mandehana, vono ie.' ³⁰Sady niavy tamy ty tsano lay i Yaveh any i Benaia sady nivola taminy hozo: 'Hoy ty mpanjaka hozo: 'Miboaha.' Namaly i Joaba hozo: 'Aha, ho maty eto zaho.' nanao hozo: 'Nivola i Joaba fa te-ho maty amy ty alitara ao hoe ie.' ³¹Le hoasa ty mpanjaka taminy: 'Anovo manahaky ze nivolaniny. Vono ie sady aleveno mba hafahanao miala amiko noho amy ty tariha ty babako ty lio ze nalatsaky i Joaba tamy ty tsy misy dikany. ³²Enga anie Yaveh hampimpoly ty liony ho

an-dohany eo, safe nanafiky lahilahy roe atsiky fahamarina noho soa laha ty vatany ie sady namono androzy tamy ty meso-bey, le i Abnera anakilahy i Nera, filoha ty tafiky Israely, noho Amasa anakilahy i Jetera, filoha ty tafiky i Joda, sady tsy nahay zay i Davida babako.³³ ka le enga anie ty lion-drozy himpoly an-doha i Joaba eny noho an-doha ty tarihany eny zisiky farany. Fa amy i Davida noho tarihany rey, amy ty longony, sady amy ty seza fipetrahany, ro enga anie hisy fiadana zisiky farany baka amy Yaveh."³⁴Bakeo i Benaia anaky i Jehodia niakatsy sady nanafiky an'i Joaba ka le namono azy. Le nalevy tamy ty tsanony any tambaliky any avao ie.³⁵Ty mpanjaka ro nampipetsaky an'i Benaia anaky i Joiada tamy ty tafiky eo hisolo ty toerany, sady nampipetsaky an'i Zadoka mpisoro tamy ty toera i Abiatarany.³⁶Bakeo ty mpanjaka ro naniraky sady nampikaiky an'i Simey, sady nivola taminy hozao: "Manamboara tsano raiky a-Jersalema any iha sady mipetsaha any, ka mba miboaky amy zay ao mana amy ty toera hafa any.³⁷Fa amy ty andro ze hiboahanao, noho handalovanao amy ty Loham-baibon-driaky Kidrona eny, le haiko marina fa ho vonoe vatany iha. Ho amy ty lohanao eo ty lionao."³⁸ Ka le hoy I Simey tamy ty mpanjaka hozao: "Soa raha volaninao zay. Manahaky ze nivolany ty mpanjaka tompoko, le hanovinao mpiasanao." Le nipetsaky ta Jerosalema any tanay ty andro lako i Simey.³⁹Fa lafa tampitsy ty telo tao, le niala tamy i Akisa anaky i Maka mpanjaka i Gata any mpiasa roa i Simey rey. Ka le nivola tamy i Simey ndrozy, nanao hozao: "Ingo, mpiasanao rey ro Ahy i Gata."⁴⁰ Le nitsanga i Simey, sady nanisy lasely ty borikiny ka le nandeha tamy i Akisa any ta Gata any mba hila mpiasany rey. Le nandeha ie sady nandesiny nimpoly baka a-Gata any mpiasany rey.⁴¹Lafa nivola i Solomona fa i Simey ro nandeha baka a-Jersalema any ho a-Gata any sady fa nimpoly,⁴²le naniraky noho nampikaiky an'i Simey ty mpanjaka, sady nanao taminy hozao: "Tsy fa nampivola snap tamy Yaveh va zaho sady nitsanga vavolombelo taminao, nanao hozao: 'Haiko tanteraky ze andro hiboahanao noho handehananao amy ty toera hafa any, fa ho maty vatany iha'? Bakeo le hoy iha tamiko hozao; 'Soa raha volaninao zay.'⁴³Nanino iha ro tsy mitandraky ty fivolananao tamy Yaveh noho ty beko ze nameako anao?"⁴⁴Hoy koa ty mpanjaka tamy i Simey: "Hainao am-ponao ao haratiam-panahy iaby ze nanovinao tamy i Davida babako rey. Laha zay le hampoly i Yaveh anabo lohanao eo ty haratiam-panahinao."⁴⁵Fa ho tahy i Solomona mpanjaka sady ty seza fipetsaha i Davida ro hapetsaky anila i Yaveh eo zisiky farany."⁴⁶ Bakeo ty mpanjaka nanome beko tamy i Benaia anakilahy i Joiada. Le niboaky ie sady namono an'i Simey. ka le napetsaky soa tan-tsano i Solomona eo ty fandaisany.

Chapter 3

¹Nanao dina tamy i Farao mpanjaka ty Egypta tamy ty alala ty fanambalia i Solomona. Nangalaky ty anak'ampela i Fara ie sady nanday azy tamy ty tanà i Davida ao zisiky havitany mamboatsy tsanony manoka, ty tsano Yaveh, sady ty vala miodidy an'i Jerosalema. ²Tamy toera abo rey eny ro nananova ty olo soro rey, safe mbo tsy nisy tsano namboary ho ahy ty anara Yaveh. ³Nanoro ty fiteany an'Yaveh i Solomona tamy ty fandehana manahaky ty lalà i Davida babany, hafa tsy ze nananovany soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo rey eny ie. ⁴Nana Gibeona any ty mpanjaka mba hanao soro teny, safe toera abo bevata zay. Nanome fanomeza oroa arivo raiky tanabo alitara zay eo i Solomona. ⁵Ta Gibeona ao ro niboaky tamy ty nofy ao tamy i Solomona Yaveh lafa haly; hoy Ie hozao: "Angataho! Ino ro tokony hameako anao?" ⁶Ka le hoy i Solomona hozao: "Iha fa nanoro tsy fivaliham-panenkea bevata tamy ty mpiasanao, le i Davida babako, safe nandeha tanilanao eo tamy ty fahendream-pitokisa, tamy ty fahamarina, sady tamy ty fahitiam-po ie. Nitandrahanao ho anazy ty tsy fivaliham-panenkea bevata toy sady nameanao anakilahy hipetsaky amy ty seza fipetrahany eo ie androany." ⁷Amy zao Yaveh Njanahariko e, fa nanao ty mpiasanao ho mpanjaka tamy ty toera i Davida babako eo Iha, ndra le mbo aja avao aza zaho. Ka le tsy haiko hoe manao akory ro fomba hiboaha na hilira. ⁸Ty nitingininao, olo lako bevata, lako tsy hay hisahy ndra tsy voa hisaky. ⁹Ka le ameo ty mpiasanao ty fazavam-po hitsara ty olonao, mba hafahako manavaky ty soa noho ty raty. Fa ia moa ro mahay mitsara olo lakonao lako zao?" ¹⁰Nahafaly ty Tompo fangataha i Solomona zay. ¹¹Le hoy Njanahary taminy hozao: "Safe fa nangataky raha zay iha sady tsy nangataky ho ahy ty vatanao mba ho lava andro hiainany ndra hanana ndra ty ay fahavalonao rey, fa nangataky fahazavan-tsay ho ahy ty vatanao mba hahaza ty babany. ¹²Ingo, amy zao hanoviko ze iaby nangatahinao. Ameako fo hendry noho mahay iha, mba tsy hisy hanahaky anao talohanao eo, sady tsy hisy manahaky anao hitsanga afaranao ao." ¹³Fa nameako anao avao koa ze tsy nangatahinao, le ty hanana noho ty voninahitsy, mba tsy hisy hanahaky anao amy mpanjaka rey eo amy ty andronao iaby. ¹⁴Laha handeha manahaky ty lalako iha ka le hiemby lalàko rey noho liliko rey, manahaky ty nandehana ty babanao, ro hanalava ty andronao Zaho." ¹⁵Le nifoha i Solomona, sady ingo, nofy zay. Niavy ta Jerosalema ao ie sady nitsanga taloha ty fiondrana ty fanenkea ty Tompo. Nanesy fanomeza oroa noho fanomezam-pilongoa ie, sady nanao fanasa ho ahy ty mpiasany iaby rey. ¹⁶Le nisy ampela roe ze mpamaro-bata niavy tamy ty mpanjaka eo sady nitsanga tanilany eo. ¹⁷Hoy azy ampela raiky iny hozao: "O, tompoko, zaho noho ty ampela toy ro miharo tsano, sady niteraky aja tamy azy tsano niarahako taminy iny zaho. ¹⁸Sady tamy ty andro faha telo tafara ty niterahany ro niteraky koa ampela toy. Niaraky zahay. Tsy nisy olo hafa niaraky taminay tan-tsano ao, fa zahay roe avao. ¹⁹Bakeo maty ty anakilahy ty ampela toy lafa haly, safe voatindrinny ie." ²⁰Ka le nitsanga ie ty sasaky ty haly sady nangalaky ty anakilahiko baka anilako eo, lana mbo niroro ty mpiasanao, sady nampipetsaky azy tan-tsatsany eo, noho nampipetsaky ty anakilahiny an-tsatsako eo. ²¹Lafa nifoha hampinono ty anako zaho lafa maray, le fa maty ie. Fa lafa nanenty azy soa zaho lafa maray, le tsy zakako, ze naterako ie." ²²Fa azy ampela raiky nivola hozao iny: "Aha, azy raiky velo iny ro anako, sady azy raiky maty iny ro anako." Azy ampela velohany nivola hozao iny: "Aha, azy maty iny ro anakinao, sady ty raiky velo ro anako." Zay ty fomba niresahin-drozy tanila ty mpanjaka eo." ²³Le hoasa ty mpanjaka hozao: "Ty raiky taminareo mivola hozao: 'Velo toy ro anako, sady azy maty iny ro anakinao,' sady ty raiky mivola hozao: 'Aha, azy maty ino ro anakinao, sady azy raiky velo iny ro anako.'" ²⁴Hoasa ty mpanjaka hozao: "Anandeso meso bevata zaho." Ka le nandesin-drozy tanila ty mpanjaka eo ty meso bevata. ²⁵Sady ty mpanjaka hozao: "Zarao roe ty aja velo, sady ameo ampela toy ty antsasany sady ameo ty raiky ty antsasany." ²⁶Sady azy ampela ze velo-anaky niresaky tamy ty mpanjaka iny, fa atsiky fangoram-po ho ahy ty anany ty fony, sady hoy ie hozao: "O, tompoko e, ameo azy ty aja velo, sady tsy mitsika zay hoe hamono azy." Fa hoasa azy ampela raiky iny: "Tsy ho ahy na ho ahy nao aza ie. Zarao ie." ²⁷Bakeo namaly ty mpanjaka ka le nivola hozao: "Ameo ampela velohany iny ty aja velo, sady tsy mitsika zay hoe hamono azy. Fa ie ro reniny." ²⁸Lafa ren'Israely iaby ty fitsarà ze nanovy ty mpanjaka, le natahotsy ty mpanjaka ndrozy, safe hitan-drozy fa taminy ao ty fahendrean-Janahary handesiny mitsara.

Chapter 4

¹Mpanjaka tamy Israely iaby rey eo i Solomona Mpanjaka. ²Ndreto manam-pahefany rey: Azaria anakilahy i Zadoka ro mpisoro. ³Elihorefa noho Ahia anakilahy i Sisa, ro mpitan-tsoratsy. Josafata anakilahy i Ahiloda ro mpitam-boky. ⁴Benaia anakilahy i Joiada ro niantoky ty tafikiny. Zadoka noho Abiatara ro mpisoro. ⁵Azaria anakilahy i Natana ro nifehy manam-pahefa rey. Zaboda anakilahy i Natana ro mpisoro noho nama ty mpanjaka. ⁶Ahisara ro nifehy ty toka-tsano. Adonirama anakilahy i Abda ro tamy ze olo rey eo ro nifehy mpanao asa forosé rey. ⁷Nana manam-pahefa folo roa amby i Solomona mameno an'Israely iaby, ze niantoky ty hany ho ahy ty mpanjaka noho ty longony. Ty lahilahy kirai-draiky iaby ro niantoky ty hajarin-kany anay ty vola raiky tanay ty tao ao. ⁸Ndreto iaby ty anarany: ⁹Beni-hora, baka an-tany vohitsy i Efraima any; Beni-dakera ta Makaza ao, Salbima, Beti-semesy, noho Elon-beti-hanana; ¹⁰Beni-haseda, ta Arobota ao (Azy i Soko noho ty tany iaby ao ta Hefera ao); ¹¹Beni-Abinadaba, tamy ty distriky i Dora iaby eo (Tafata anak'ampela i Solomona ro valiny); ¹²Bana anakilahy i Ahiloda, ta Tanaka noho Megido ao, noho Beti-sana iaby ze tanila i Zaretana ambany i Jezirela eo, baka a-Beti-sanaka eo ka le zisiky Abela-mehola lavitsy ty tsioky i Jokneama any; ¹³Beni-gabera ta-Ramota-gileada ao (Azy ty tanà i Jaïra anaky i Manase, ze ta Gileada ao, sady ty faritsy Argoba ro azy, ze ta Basana any, tanà bevata enimpolo misy rindry noho hilim-baravara saba); ¹⁴Ahinadaba anaky i Ido, ta Mahanaima ao; ¹⁵Ahimaza, ta Naftaly ao (nivaliny avao koa i Basemata anak'ampela i Solomona); ¹⁶Bana anaky i Hosay, ta Asera noho Bealota ao; ¹⁷Josafata anaky i Paroa, ta Isakara ao; ¹⁸Simey anaky i Ela, ta Benjamina ao; ¹⁹sady Gabera anaky i Ory, amy ty tany i Gileada any, tanà i Sihona mpanjaka ty Amorita noho Oga mpanjaka i Basana, sady ie raiky ro manam-pahefa ze tamy ty tany ao. ²⁰Joda noho Israely ro lako manahaky ty fasy amoron-driaky. Nihina noho nino ndrozy sady faly. ²¹I Solomona ro nibeko ty fanjaka iaby zisiky amy ty Ony eo ka le zisiky an-tany ty Filistina eny noho ty sisin-tany i Egypta. Nanday fanomezam-boninahitsy noho nanompo an'i Solomona ndrozy tanay ty andro iainany iaby. ²²Ty hajarin-kany i Solomona anay ty ndraik'andro ro koba soa lisa telopolo Kora noho hany enimpolo Kora, ²³aomby vondraky folo, aomby tsy nihina-akata ropolo, sady aondry zato, laha-tsy ty serfa, gazela, kapreola, sady voro nivondrahy. ²⁴Safe nanam-pahefa tamy ty faritsy iaby Manila ty ony iny ie, bakeo Tifsa ka le zisiky a-Gaza any, mandilatsy mpanjaka iaby ze nanila ty ony rey, le nana fiadana tamy ty niodidy azy iaby ie. ²⁵Niay am-pienena i Joda noho Israely, ty olo iaby ro tambany ty volobokiny eo noho ty aviavy, bakeo Dana zisiky a-Berisheba any, tamy ty andro i Solomona ia y. ²⁶Nana tsanon-tsovaly efapolo haly ie ho ahy ty kalesany, sady mpiondran-tsovaly roa arivo sy ray aly. ²⁷Manam-boninahitsy rey ro niantoky hany ho an'i Solomona mpanjaka noho ho ahy ty iaby ze baka amy ty latabatsy i Solomona rey eo, ty olo iaby tamy ty valany iaby. Ka le tsy nalevin-drozy ho tsy ampy ty raha iaby. ²⁸Nanday vary hordea noho lila ty raha iaby. Nanday vary hordea noho lila ho ahy ty sovaly mpitariky kalesa rey noho sovaly fiondrana ndrozy, samby manday ze zakany iaby ty kirai-draiky. ²⁹Namean-Janahary fahendrea noho fahazavan-tsany bevata i Solomona, sady fivelaran-tsany manahaky ty fasiky amoron-driaky eny. ³⁰Ty fahendrea i Solomona ro nandilatsy ty fahendrea ty olo iaby tan-tinana any noho ty fahendrea i Egypta. ³¹Nanam-pahendrea noho ty olo iaby ie noho i Etana Ezrahita, Hemana, Kalkola noho Darda anaky i Mahola_sady ty lazany ro niavy tamy ty firenea miodidy any iaby. ³²Nivola ohan-tsafa telo arivo ie sady limy amby arivo ty hirany laha hisahy. ³³Nanoritsy ty raha-mitiry ie, baka amy ty sedera ta Libanona any ka le zisiky amy ty hysopa ze mitiry manaraky ty rindry. Nanazava ty mikasiky biby reh avao koa ie, voro rey, raha milaly rey, sady ty hazan-drano. ³⁴Niavy baka amy ty firenea iaby ty olo mba hijanjy ty fahendrea i Solomona. Ie ro baka amy mpanjaka iaby rey ty tany ze fa naharé ty fahendreny.

Chapter 5

¹Hirama mpanjaka i Tyro le nandefa mpiasany rey ho amy i Solomona any safe reny fa voahosotsin-drozy hanolo ty babany ie; safe Hirama ro fa tea an'i Davida avao nanomboky tamy zay. ²Nampanday teny ho ahy amy i Hirama i Solomona, nivola hozo: ³"Hainao fa i Davida babako ro tsy afaky nanamboatsy tsano ho ahy ty anara Yaveh Njanahariny noho aly ze niodidy azy rey, fa tanay ty androm-piainany i Yaveh ro nampipetsaky fahavalony reg tambany lelatom-bokiny eo. ⁴Fa amy zao, Yaveh Njanahariko ro fa nanome ahy fahareta amy ty lafiny iaby. Tsy misy na mpifanina na loza. ⁵Ka le mandiniky ty hamboatsy Egilizy ho ahy ty anara Yaveh tamy Njanahariko zaho, manahaky ze nivolany Yaveh tamy i Davida babako, nanao hozo: "Ty anakilahinao, ze hapetsako amy ty seza fipetsahanao eo amy ty toeranao eo, ro hampitsanga ty Egilizy ho ahy ty anarako." ⁶Sady amy zao mibekoa mba hanapahan-drozy hazo Sedera baka Libanona any ho ahy. Hiaraky amy mpiasanao rey mpiasako rey, sady zaho ro handoa ty karama mpiasanao rey mba ho voakaram ara-drariny iha amy ty raha iaby ze nenkeninao hanovy. Safe hainao fa tsy misy aminay eo mahay t,y, fomba anapaha hazo manahaky Sidoniana rey." ⁷Laha naharé ty safa i Solomona i Hirama, le nifalifaly bibiky ie ka le nivola hozo: "Horderaina lahy Yaveh henanikio, ze nanome an'i Davida anakilahy hendry ho amy ty olo lako bevata toy eo rey." ⁸Nampanday safa ho an'i Solomona i Hirama, nivola hozo: "Fa reko ty hafatsy ze nalefanao ho ahy. Hamarotsy ty hazo Sedera noho kypreso iaby ze irinao zaho. ⁹Handesy ty mpiasako mijotso baka Libanona mana amy ty riaky any hazo rey, sady ho feheziko anay vatan-kazo rey ka le hihafo amy ty riaky mana amy ty toera ze tondronao handefasako azy any. Any ro hampanapahako androzy, sady le halanao rey. Hanovinao ze iriko amy ty fanomeza hany ty longoko." ¹⁰Ka le namea i Hirama an'i Solomona ty hazo sedera noho ty hazo kesiky iaby ze niriny. ¹¹Namea i Solomona varimbazaha roe aly Kora ho hany ho ahy ty longony i Hirama sady solo-bonio tsy mitampoky ropolo Kora. Namea i Solomona ho ahy i Hirama isan-tao zay. ¹²Namea Yaveh fahendea i Solomona, manahaky ze fa nampanantena azy. Nisy filongoa tamy i Solomona noho Hirama eo, ka le nanao fanenkea rozy roe. ¹³Nampikaiky mpanao asa forosé tamy ty Israely iaby i Solomona Mpanjaka. Miisa te lo aly lahilahy mpanao asa forosé rey. ¹⁴Nalefany ta Libanona any ndrozy, ray aly ro mifanolo isam-bola. Vola raiky ndrozy ro ta Libanona any sady roe vola tan-tsano any. I Adonirama ro nanapaky tamy ty lahilahy ze nampanenkea ho amy ty asa forosé eo. ¹⁵Sady i Solomona nana mpanday enta fito aly noho mpamaly vato valo aly ze tam-bohitsy any, ¹⁶ankoatsy 3. 300 bevata rey ty manam-pahefa i Solomona ze nanapaky ty asa sady ze nanara-maso mpiasa rey. ¹⁷Manahaky ty lily ty mpanjaka ro nampipitiky vato bevata soa kalité mba hapetsaky amy ty famboara ty Egilizy ndrozy. ¹⁸Sady mpamboatsy tsano i Solomona rey noho mpamboatsy tsano i Hirama rey sady Gebalita rey ro nanao ty fikapa noho ty fikarakara ty hazo noho vato hanamboara egilizy rey.

Chapter 6

¹Sady i Solomona nanomboky namboatsy ty egilizy Yaveh. Zaho ro niboaky tamy ty tao faha 480 tafara ty niala ty anak'Israely tamy ty tany Egipta, tamy ty tao faha efatsy ro nanjaka tamy ty Israely eo i Solomona, tamy ty vola Ziva, ze faharoe vola. ²Ty egilizy ze namboary i Solomona mpanjaka ho an'Yaveh ro enimpolo hakiho ty halavany, ropolo hakiho ty haboriboriny, sady telopolo hakiho ty hahabony. ³Ty lavaranga aloha ty efitsano ty egilizy bevata eo le ropolo hakiho ty halavany, mitovy amy ty saka ty egilizy, sady folo hakiho halalikiny aloha ty egilizy eo. ⁴Lafonety ty tsano rey ro nanoviny maifitsy fanamboara noho ty anainy ty ambaliky. ⁵Nanamboarany efitsy ty miodidy rindry ty efitsano bevata rey, mukdidy ty ambaliky noho ty anay ty efitsy. Nasiany efitsy ty miodidy sisiny iaby rey. ⁶Ty ambany bibiky ro limy hakiho ty haboriboriny, ty anivony ro eny hakiho ty haboriboriny, sady ty farany ro fito hakiho ty haboriboriny. Fa ty ambaliky ro nahenany ty rindry miodidy ty tsano iaby mba tsy hisaraky amy andry amy ty rindry tsano rey. ⁷Vato voapaiky ro nanamboara ty tsano. Tsy nisy tantantana, famaky, na vy maranitsy ré tan-tsano ao tamy ty nanamboara azy. ⁸Ty baka an-timo ty egilizy any ro nisy filira tamy ty esikalie ambany ao, nisy tahotsy raiky fiakara mana amy ty esikalie velohany any, sady baka anivony eo ro miakatsy mana amy ty esikalie faharoe any. ⁹Ka le namboary i Solomona ty egilizy sady nivitany zay; nirakofany andry noho hazo sedera pisaky tsano iny. ¹⁰Namboariny tamy sisiny ty efitsano ty egilizy eo efitsy an-daniny rey, limy hakiho isaky ty ab-daniny; ka le hazo sedera ro nampifankahazo ty tsano noho ty hazo sedera. ¹¹Niavy tamy i Solomona ty safa Yaveh, nanak hozao: ¹²"Ty mikasiky egilizy ze namboarinao toy, lana handeha manahaky ty lalàko noho hanao ty rariny iha, hiemby ty liliko iaby sady hanaraky zay, le hampoliko aminao ty fampanantena ze nanoviko tamy i Davida babanao. ¹³Hipetsaky amy ty olo lakon'Israely eo Zaho sady tsy hahafy androzy." ¹⁴Ka le namboary i Solomona ty egilizy sady nivitany zay. ¹⁵Bakeo le namboariny tamy hazo sedera rey ty rindry tanay ty tsano ao rey. Zisiky amy ty tany any ka le zisiky amy ty valin-drihana, le nirakofany hazo ty tanay rey ao, sady hazo kypreso ro nisaromany ty ambany. ¹⁶Nanoviny ropolo hakiho zisiky an-dabosy ty tsano misy hazo sedera ro zisiky ambany any ka le zisiky amy ty valin-drihana any. Nanoviny ho efitsy anainy efitsy zay, azy toera masy bibiky iny. ¹⁷Ty efi-tsano bevata, ze toera masy aloha ty toera masy bibiky eo, le efapolo hakiho ty halavany. ¹⁸Nisy sedera tanay ty tsano ao, voasokitsy niendriky voatango noho folera mivelatsy. Sedera iaby ty tanainy ao. Tsy nisy rafi-bato tazony tanainy ao. ¹⁹Nanoma ty efitsano anainy tanay azy tsano iny mba hametsaha ty fiondrana fanenkea Yaveh ao i Solomona. ²⁰Ty efitsano anainy ro ropolo hakiho ty halavany, ropolo hakiho ty haboriboriny, sady ropolo hakiho ty hahabony. Nifenoa i Solomona volamena tsy misy fangarony rindry rey sady nirakofany hazo sedera ty alitara. ²¹Natsehy i Solomona volamena tsy mifangaro ty anay ty egilizy sady nampeany rojom-bolamena taloha ty efitsano anainy eo sady nifenoany volamena ty aloha. ²²Ty anainy iaby ro nirakofany volamena zisiky mahavita ty Egilizy iaby. Natsehiny volamena avao koa mameno ty alitara ze amy ty efitsano anainy ao. ²³Namboatsy Kerobima roe tamy ty hazo oliva i Solomona, samby folo hakiho iaby ty halavany, ho ahy ty efitsy anainy. ²⁴Ty elatsy ty Kerobima raiky ro folo hakiho ty halavany, sady ty elatsiny hafa ro limy hakiho avao koa. ²⁵Ty halavira amy ty tsifa ty elatsy raiky eo zisiky amy ty tsifa ty elatsy hafa any. Ty tsifa ty elatsy raiky ka le zisiky amy ty tsifa ty elatsy raiky ro mana elanela folo hakiho. Azy Kerobima hafa iny le mana elatsy folo hakiho. ²⁶Ty Kerobima roe ro samby mitovy metatsy noho endriky. Ty hahabo ty Kerobima raiky le folo hakiho sady manahaky zay koa Kerobima hafa iny. ²⁷Napetsaky i Solomona tanivo tsano eo ty Kerobima. Navelatsy ty elatsy ty Kerobima rey mba hikasiha ty elatsy ty raiky amy ty rindry raiky sady elatsy Kerobima hafa iny hikasiky rindry hafa iny. Nifampikasiky tanivo toera masy bibiky iny eo ty elatsin-drozy. ²⁸Nirakofa i Solomona tamy ty volamena ty Kerobima. ²⁹Niravahany tamy sary ty Kerobima rey rindry iaby miodidy ty tsano rey, hazon-drofia, sady folera mitiry, ty ambaliky noho ty tanay efitsy rey. ³⁰Nirakofa i Solomona ambaliky noho ty anainy. ³¹Namboary i Solomona tamy ty hazo oliva varavara filira mana amy ty efitsy anainy rey. Ty tolàna noho ty lelam-baravara ro ampahaliminy faritsy nanovy rey. ³²Le namboatsy varavara roe tamy ty hazo ty oliva ie, sady nampeany sary sokitsy ty Kerobima tamy zay eo, hazon-drofia, sady folera mitiry. Nirakofany tamy ty volamena rey sady naporitakiny volamena tamy ty Kerobima eo sady hazon-drofia. ³³Manahaky zay koa, namboara i Solomona tamy ty hazo oliva andrim-baravara filira an-degilizy ao ze mivaky efatsy ³⁴sady ty varavara roe ro hazo kypreso. Varavara kopa-droe hafa rey ro velo. ³⁵Nasiany sary sokitsy Kerobima tamin-drozy eo, hazon-drofia, sady folera mitiry, sady manisy volamena amy ty asa-sokitsy eo kanikanikanikany ie. ³⁶Namboariny tamy ty vato voapaiky andala telo ty kianja tanainy ao sady andry sedera andala raiky. ³⁷Ty fanorena ty tsano Yaveh ro napetsaky tamy ty tao faha efatsy, tamy ty Ziva lola. ³⁸Tamy ty folo raiky amby tao, tamy ty vola i Bola, ze vola faha valo, ro vita tanteraky tamy ty lafiny iaby noho ty fanorita iaby ty tsano. Nandany fito tao i Solomona manamboatsy ty egilizy.

Chapter 7

¹Folo telo amby tao ro nanova i Solomona ty lapany. ²Namboatsy ty lapa tamy ty ala ty Libajona ie. Zato hakiho ty halava zay, dimampolo hakiho ty haboriboriny, sady telopolo hakiho ty hahabony. Namboary tamy ty andalan'andry sedera efatsy ty lapa niaraky tamy ty andry sedera tamy tsangam-bato rey eo. ³Nasiany tafo tamy ty sedera tsano ze napetsaky tamy ty andry eo iny. Andry rey ro nitokana tany ty tsangam-bato. ⁴Nisy andry efapolo limy amby teo. Nisy andry amy andala telo rey, sady ty lafonety kirai-draiky ro nifanandrify tamy ty lafonety telo hafa. ⁵Ty varavara noho ty lafonety iaby ro nanovy ho efa-joro niaraky tamy andry rey, sady ty lafonety nifanandrify tamy ty lafonety telo hafa. ⁶Nisy andry nitongila ze dimampolo hakiho ty halavany sady telopolo hakiho ty haboriboriny, miaraky amy ty lavaranga aloha eo noho andry sady tafo. ⁷Nanory ty rindry seza fipetsaha ze hitsara azy i Solomona, le ty efitsano ty fahamarina. Nirakofa tamy ty sedera isaky ty etazy. ⁸Ty tsano i Solomona ze nipetsahany, tamy ty kianja hafa misy ty fanin-dapa eo, le nidinihy mitovy. Namboatsy tsano manahaky zay ho ahy ty anak'ampela i Farao avao koa ie, ze nalany ho valy. ⁹Tsano rey ro niravaha tamy ty vato sarotsy voapaiky, vita metatsy soa sady vita tapaky tamy ty tsifa sady nanovy nadoso tamy ty lafiny iaby. Vato rey ro nampiasa ho amy ty fanamboara vato amy farany anabo eo rey, noho tambaliky eo, noho tambaliky any ka le zisiky amy ty kianja bevata avao koa. ¹⁰Ty fototsy namboary tamy ty vato bevata, noho sarotsy ze valo noho folo hakiho ty halavany. ¹¹Tanabo eo ro nosy vato sarotsy voapaiky ze voasoritsy soa amy ty habeny, sady andry sedera. ¹²Nisy andala vato voatapaky telo noho tapaky andry sedera raiky ty kianja bevata ze niodidy ty lapa manahaky ty kianja anay ty egilizy i Yaveh ao sady ty lavaranga ty egilizy. ¹³Nampangalaky an'i Hirma i Solomona mpanjaka sady nanday azy baka Tyro any. ¹⁴Hirma ro anaky ty mpanday vata raiky tamy ty foko i Naftaly ao; olo i Tyro ty babany, ze mpanao asa-tana amy ty saba. Atsiky fahendrea noho fahazavan-tsany sady fahaiza mba hanao asa bevata amy ty saba i Hirma. Nandeha nana amy i Solomona Mpanjaka any ie mba hiasa amy ty saba ho ahy ty mpanjaka. ¹⁵amboatsy andry roe rey tamy ty saba i Hirma, fool valo amby hakiho ty hahabony sady folo roe amby hakiho ty miodidy ty kirai-draiky. ¹⁶Nanao kapitaly roe tamy ty saba voakosoky ie mba hapetsaky amy ty farany anabo andry rey eo. Limy hakiho ty hahabo ty kapitaly kirai-draiky. ¹⁷Makarakara mitarehin-karato noho tanjomilaky mitarehin-drojo ampasa ho ty kapitaly ro nandravaky ty tsifa andry fito rey isaky ty kapitaly. ¹⁸Ka le nanao andala ampongaben-danitsy roe miodidy ty hahabo ty andry kirai-draiky i Hirma mba handravaha kapitalin-drozy rey. ¹⁹Kapitaly tan-tsifa andry ty lavaranga eo rey ro niravaha tamy ty lilia, efatsy hakiho ty hahabony. ²⁰Tamy kapitaly tamy andry roe rey koa ro nahita, ampongaben-danitsy roanjato milahatsy miodidy ty farany abon-drozy iaby. ²¹Nananga andry tan-davaranga ty egilizy rey ao ie. Andry tankavana eo iny ro nikaihy hoe Jakina, sady azy andry tankavia eo iny ro nikaihy hoe Boaza. ²²Tanabo andry rey eo ro nisy haingo manahaky ty lilia rey. Zay ro fomba namitiha andry rey. ²³Nanao ty koveta tamy ty vy i Hirma, folo hakiho isaky ty sisiny. Limy hakiho ty hahabony, sady telopolo hakiho ty miodidy ty koveta. ²⁴Nisy tanatanamanga tambany ty sisiny eo niodidy ty koveta, folo isaky ty hakiho, sady naharo ho raiky niaraky tamy ty koveta laha ty koveta mihintsy ro nanovy. ²⁵Tamy ty aomby folo roa amby rey eo ty koveta, telo ty nanatsiky ty avaratsy, telo ty nanatsiky ty andrefa, telo tynanatsiky ty antimo, sady telo ty nanatsiky ty antinana. Napetsaky tamy ty anabo ty koveta iny eo rey, sady nifampitongila ty faritsy ty farany rozy iaby. ²⁶Natevy manahaky ty habory ty tana koveta iny. sady ty sisiny zay le namboary manahaky ty sisiny ty kopy, manahaky ty famoa ty lilia. Aomby rano roa ariavo koveta iny. ²⁷Nanao tomboky saba folo i Hirma. Efatsy hakiho ty halava ty tombokiny kirai-draiky sady efatsy hakiho ty velarany, sady telo hakiho ty hahabony. ²⁸Manahaky zay ty fanovy ty tombony rey. ²⁹Nisy taratasy tanivo anaky hazo rey, sady nisy liona, aomby noho Kerobima tamy taratasy rey eo noho amy ty anaky hazo rey eo. Tanabony eo noho tambany ty liona rey eo noho aomby rey ro nisy foloara namboary soa. ³⁰Nisy kodia saba efatsy noho tanan-kodia ty nitsanganany iaby, sady nisy toha tambany ty sisiny efatsy ao koveta iny. Nasia foloara noho sisiny ty kirai-draiky fanohana rey. ³¹Boribory manahaky ty lela-tomboky ty fisokafa, hakiho raiky noho sasany ty haboriboriny, sady tanay ty satso-boninahitsy ao ze hakiho raiky ty halavany. Voasoratsy tamy ty fisokafany eo, sady ty taratasy rey ro efatsy-zoro, fa tsy boribory. ³²Tambany ty takelaky larò efatsy rey, sady ty tanan-darò noho fipetrahany rey le tamy ty tsangana ao. Ty hahabo ty larò raiky le raiky hakiho noho sasany. ³³Sady nanovy manahaky ty larò ty kalesa larò rey. Fipetrahany rey, sisiny rey, tanamasoandrony rey, noho ty anivony ro nanovy vy iaby. ³⁴Nisy sorony efatsy tamy ty sisiny efatsy ty tsangana ty kirai-draiky, nanovy tamy ty tsangana ao avao. ³⁵Tam-po ty tsangana eo ro nisy fehim-barika raiky ze antsasaky hakiho ty halalikiny, sady anabo azy tsangana iny eo ro nameheza toha rey noho takela rey. ³⁶Voasoratsy i Hirma kerobima, liona, noho hazo rafia ty velara ty fanohana noho takela ze nandrakotsy ty toera malalaky rey, sady voalily foloara rey. ³⁷Zay ro fomba nanovany tsangana folo rey. Nanovy tamy ty lasy mitovy iaby ie iaby, sady nana habey, noho endriky mitovy. ³⁸Nanao koveta saba folo i Hirma. Ty koveta raiky ro afaky manajary rano efapolo bata. Hakiho

efatsy ty haboribory ty koveta kirai-draiky iaby sady nisy koveta raiky ty tsanga folo.³⁹Nanao tsanga limy tamy ty lafiny antimo ty egilizy eo ie sady limy tamy ty lafiny avaratsy ty egilizy eo. Nanoviny tamy ty sisiny antinana ty koveta eo, manatsiky antimo ty egilizy any.⁴⁰Nanao ty koveta noho ty lapely sady lovia fitanina i Hirama. ka le vitany ty asa iaby ze nanoviny ho an'i Solomona Mpanjaka tanabo Yaveh ao: ⁴¹andry roe rey, noho lovia manahaky ty kapitaly ze tanabo andry roe eo rey, sady pozy harato roe makarakara rey mba hisarona ty lovia roe manahaky ty kapitaly ze tanabo ty andry eo rey.⁴²Nanao ampongaben-danitsy efatsy ie ho pozy ty harato roe vita tsebiky rey: andalan'ampongaben-danitsy roe ho ahy ty harato kirai-draiky mba hanarona ty lovia roe manahaky ty kapitaly rey ie tamy andry rey eo, ⁴³tsanga folo, noho koveta folo tamy tsanga rey eo.⁴⁴Nanovy tambany zay ao ty koveta noho aomby folo roa amby rey; ⁴⁵tavy rey, lapely rey, koveta bevata rey, sady fiasa hafa iaby rey avao koa. Nanovy i Hirama tamy ty saba voahosoky rey, ho an'i Solomona Mpanjaka, sady ho ahy ty egilizy Yaveh.⁴⁶Napetsaky ty mpanjaka tamy ty tany mando i Jordana eo rey, tamy ty tanimanga anivo i Sokota noho Zeretana ao. ⁴⁷Tsy nilanja i Solomona enta iaby rey safe lako maré laha hilaña, safe tsy afaky nilanja ty lanja ty saba.⁴⁸Nanao ty enta iaby ze tan-degilizy i Yaveh ao tamy ty volamena i Solomona: le ty alitara volamena noho latabatsy ze nametsaha ty mofo ty fanatseha. ⁴⁹Fananovan-jiro rey, limy amy ty ilany ankavana eo sady limy ankavia eo, taloha ty efatsy anainy eo, ro vita tamy ty volamena malio, sady folera rey, jiro rey, sady lelany rey ro vita tamy ty volamena malio.⁵⁰Kapoaky rey, meso rey, koveta rey, sotto rey, noho fanoroa lintan-kazo manitsy rey ro nanovy tamy ty volamena malio iaby. Savily ty varavara amy ty efitsy anainy ao rey iaby koa, ze toera masy bibiky, noho varavara ty efitsy bevata ty egilizy iny rey, ro nanovy tamy ty volamena malio rozy iaby.⁵¹Tamy fomba zay, ro nahavita asa iaby ze nanovy i Solomona Mpanjaka rey ho ahy ty tsano Yaveh. Ka le nandesy i Solomona tanainy ao raha natoka i Davida rey, babany, noho volafoty rey, volamena, noho enta rey, sady napetsakiny tamy ty efitsy fanajaria tamy ty tsano i Yaveh ao rey.

Chapter 8

¹Sady Solomona namory ty olo ben'Isarely, mpitariky ty foko iaby, sady loha ty longo ty olo lakon'Israely rey, tanilany eo ta Jerosalema ao, mba handay ty fiondrana ty fanenkea i hiakatsy baka amy ty tanà i Davida any, zay hoe, i Ziona. ²Nivory tanila i Solomona Mpanjaka eo tamy ty fety iaby ty olon'Israely iaby, tamy ty vola Etanima, ze vola faha fito. ³Niavy iaby olo ben'Isarely iaby rey, sady hampiaky mpisoro rey ty Fiondrana. ⁴Nandesin-drozy niakatsy ty fiondrana Yaveh rey, ty tsano lay fitojeha, sady enta masy iaby ze tanay lay ao rey. Nandesy mpisoro rey noho Levita rey niakatsy iaby raha iaby rey. ⁵Niaraky nandeha aloha ty fiondrana eo iaby i Solomona Mpanjaka noho ty goropin'Israely iaby, nanao soro aondry noho aomby tsy hay hisahy. ⁶Nampiliry ty mpisoro tamy ty fipetrahany eo ty fiondrana ty fanenkea Yaveh, tamy ty efitsy tanay tsano ao, le tamy ty toera masy bibiky ao, ambany elatsy Kerobima rey. ⁷Fa namelatsy ty elatsiny tamy ty fipetsaha ty fiondrana eo Kerobima rey, sady nampisaro ty fiondrana noho ty hazo ze nilanjà azy zay. ⁸Lava vatany bao rey hondy ka le hita baka amy ty fipetsaha masy eo taloha ty efitsy anainy ty hhabony ao, fe tsy hita baka ambaliky eny rey. Sady mbo zisiky amy zao eo rey. ⁹Tsy nisy ndra ino ndra ino tamy ty fiondrana ao hafa tsy vato pisaky roe ze napetsaky i Mosesy ta Horeba any rey, tamy Yaveh mbo nanao fanenkea tamy ty olon'Israely rey lafa niboaky baka amy ty tany Egypta any ndrozy. ¹⁰Sady lafa niboaky baka amy ty fipetsaha masy ao mpisoro rey, le nanatsiky ty egilizy Yaveh ty lanitsy. ¹¹Tsy afaky nitsanga hanompo mpisoro rey noho ty lanitsy, fa nanatsiky ty tsanony ty voninahitsy Yaveh. ¹²Le hoasa Solomona hozao: "Nambara Yaveh fa hipetsaky anay haikim-pito ao le, ¹³nefa namboatsy tsano soa tarehy ho ty Ahinao zaho, le toera hipetsahanao ziziky farany." ¹⁴Le nitoliky ty mpanjaka sady nitsipi-rano ty goropin'Israely iaby, lana tam-pitsangana eo ty goropin'Israely iaby. ¹⁵Hoy ie hozao: "Hotompoy lahy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ze nivola tamy i Davida babako, sady nahavita zay tamy ty tanany avao, nanao hozao: ¹⁶"Zisiky amy zao ty handaisako ty olo lakoko niboaky baka Egypta ao, le tsy nitingy tanà tamy ty fokon'isarely eo iaby hanamboara tsano Zaho, mba hipetsaha ty anarako ao. Nefa, nitingy an'i Davida mba hanapaky amy ty Israely oloko eo Zaho. ¹⁷dy tam-po i Davida babako ao ty hanamboatsy tsano ho ahy ty anara Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ¹⁸Fa hoasa Yaveh tamy i Davida babako hoe: 'Fa nanovinao tam-ponao ao ty hamboatsy tsano ho ahy ty anarako, le soa ty nanovanao zay tam-ponao ao. ¹⁹Ndra zay aza le tsy hamboatsy tsano iny iha; fa koa, ty anakilahinao, ze teraky baka amy ty voanao, ro hamboatsy ty tsano ho ahy ty anarako. ²⁰tanteraha Yaveh ty safa ze nivolaniny, fa nitsanga hanolo ty pilasy i Davida babako zaho, ka le mipetsaky amy ty seza fipetsahan'Israely eo, manahaky ty nampanantena Yaveh. Namboariko ho ahy ty anara Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny ty tsano. ²¹Fa namboatsy fipetsaha ho ahy ty fiondrana any zaho, ze misy ty fanenkea Yaveh, ze nanoviny tamy razantsika rey tamy ie mbo nanday androzy niboaky baka amy ty tany Egypta ao rey le. ²²Nitsanga taloha ty alitara Yaveh eo i Solomona, tanila ty goropin'Israely iaby eo, sady namelatsy ty tanany ho amy ty lanitsy any. ²³Hoy ie hozao: "Yaveh, Njanaharin'Israely e, tsy misy Njanahary manahaky Anao na amy ty lanitsy anabo any na ambany tany eto. ze mitandraky ty tsy fivaliham-panenkea anilanao eo amy ty fony iaby; ²⁴Iha ze nitandraky ty fampanantenanao tamy i Davida babako mpiasanao. Eka, nivola tamy ty vavanao Iha sady nitanterahinao tamy ty tananao zay, manahaky ty androany. ²⁵Sady amy zao, Yaveh, Njanaharin'Israely e, tanteraho ze nampanantenanao tamy i Davida babako mpiasanao, lafa nivola Iha hozao: 'Tsy ho rava aminao ty hanana olo hipetsaky amy ty seza fipetsahan'Israely amasoko eo, lana miemby ty handeha anilako eo ty tarihanao, manahaky ty nandehananao tanilako eo.' ²⁶Sady amy zao, Njanaharin'Israely e, mivavaky zaho mba ho tanteraky ty fampanantena nanovinao tamy i Davida babako mpiasanao. ²⁷Fa tena hipetsaky an-tany eto vatany va Njanahary? Ingo, tany iaby toy noho lanitsy aza tsy tendriky Anao— vo maiky fa ty egilizy ze namboariky toy! ²⁸Nefa mba janjino lahy vavaky ty mpiasanao toy noho ty fangatahany toy, Yaveh Njanahariko; mijanjina ty kaiko noho ty vavaky anovy ty mpiasanao anilanao eto androany. ²⁹Enga anie ka le hivoha amy ty egilizy toy andro noho ty haly ty masonao, amy ty toera ze nivolaninao eo hoe: " Ho ao ty anarako noho ty famonjeako.'—mba hijanjina ty vavaky hanovy ty mpiasanao ze manatsiky ty toera toy. ³⁰Ka le mijanjina ty fangataha ty mpiasanao noho ty Israely olonao lafa mivavaky manatsiky ty toera toy zay. Eka, mijanjina baka amy ty toera hipetsahanao any, baka an-danitsy any; sady lafa mijanjy Iha, le mba manenga. ³¹Laha manota amy ty namany ty olo raiky ka le tsy maintsy hampananovy resaky, sady laha avy ka le manao resaky anila ty alitaranao eo amy ty tsano toy ato ie, ³²le mijanjy baka amy ty an-danitsy any ka le miasà; tsarao sady ampanodiho ze nanoviny ho amy ty lohany eo avao, sady hanambara ty marina mba ho tsy manan-tsiny, noho hamaly soa azy noho ty fahamarinany. ³³Lafa resy ty fahavalo ty Israely olonao safe nanota taminao, ka le laha mimpoly aminao ndrozy, manenky ty anaranao, mivavaky, sady mangataky fanenga baka aminao amy egilizy toy ato — ³⁴le mijanjy an-danitsy any lahy sady manengà ty fahota ty Israely olonao; andeso mimpoly amy ty tany ze nameanao ty razany any ndrozy. ³⁵Laha mihily ty lanitsy ka le tsy misy ora safe nanota taminao ty olo lako—laha mivavaky manatsiky toera toy ndrozy,

manenky ty anaranao, sady miala amy ty fahotany lafa baka nampijalenao---³⁶le mijanjy an-danitsy any sady manengà ty fahota ty mpiasanao noho ty Israely olonao, lafa handehanany Iha. Mandatsaha ora amy ty taninao eo, zay nameanao ho lova ty olonao.³⁷Laha anovy hoe misy mosary amy ty tany eo, na anovy hozao misy arety-mandrava, ty hamaiky ty vary na maty foty, galala na sompanga; na anovy hozao: misy fahavalo manafiky ty vavahady ty tanà amy ty tanin-drozy ao, na misy loza na rey---³⁸sady laha anovy ndraiky hoe misy vavaky noho fangataha nanovy ty olo raiky na Israely olo lakonao iaby--- ze samby mahay ty loza am-pony ao iaby laha mamelatsy ty tanany ho amy ty egilizy toy ie.³⁹Le hijanjy an-danitsy any, azy toera hipetsahanao, manengà sady miasà, sady valeo soa ty olo iaby noho ze anoviny; Iha mahay ty fony, fa Iha le Iha avao ro mahay ty fo ty olombelo iaby.⁴⁰Anovo zay mba hatahoran-drozy Anao amy ty andro iaby hiainan-drozy amy ty tany ze nameanao ty razany eo.⁴¹Fanampy zay, mikasiky vahiny ze tsy anisa ty Israely rey olo lakonao: lana avy baka amy ty firene-lavitsy any ie noho ty Anaranao---⁴²fa haharè momba ty anaranao bevata, ty tananao mahery, sady ty sandrinao manondrotsy rozy rey--- lafa avy noho mivavaky manatsiky egilizy toy ndrozy,⁴³le mijanjy lahy an-danitsy any, ze toera hipetsahanao, sady anovo ze iaby angatahy azy vahiny aminao iny. Anovo zay mba hahaziza ty halakoan'olo iaby an-tany eto ty anaranao ka le hatahoran-drozy Anao, manahaky ty anovin'Isarely olonao manoka. Anovo zay mba hahazizan-drozy fa tsano ze namboariko toy ro kaihy amy ty anaranao.⁴⁴Laha anovy hozao mandeha miboaky hialy amy ty fahavalo ty olonao, ndra ino ndra ino fomba nandefasanao an-drozy, sady laha mivavaky aminao, Yaveh, manatsiky ty tanà ze voatinginao ndrozy, sady manatsiky ty tsano ze namboariky ho ahy ty anaranao.⁴⁵Le mijanjina ty vavaky noho ty fangatahan-drozy an-danitsy any, sady ameo rariny ie.⁴⁶Laha anovy hozao manota aminao ndrozy, safe tsy misy olo tsy manota, sady laha anovy hozao neloky amin-drozy Iha ka le manome androzy ho amy ty fahavalo eo, ka le ala ty fahavalo ho tea ho amy ty taniny iaby ndrozy, na lavitsy na mariny.⁴⁷Sady laha anovy hozao tiaron-drozy fa amy ty tany ze nanova sesin-tany azy any ndrozy, sady laha anovy miboaky ndrozy ka le mila sitsaky aminao any amy ty tany ty nahagadra androzy. Laha mivola ndrozy hozao: 'Nanao raha tsy nety zahay sady nanota. Raty fandaisam-bata zahay.'⁴⁸Ka le mimpoly aminao amy ty fony iaby noho ty fanahiny iaby amy ty tany ty fahavalo ze nahagadra azy any ndrozy, sady laha anovy hozao mivavaky aminao manandrify ty taniny, ze nameanao ty razan-drozy, sady manandrify ty tsano ze namboariko ho ahy ty anaranao.⁴⁹Le mijanjina ty vavakin-drozy noho ty fangatahan-drozy famonjea, an-danitsy any, ze toera hipetsahanao, sady hanamarina ty raharaha ho androzy Iha.⁵⁰Manengà ty olonao, ze nanota taminao, noho ty fahotany iaby ze tsy nanarahany ty lilinao. Mahaferenay azy ndrozy aloha ty fahavalony ze nanday azy ho gadra, mba haferenay ty fahavalon-drozy ty olo lakonao avao koa.⁵¹Olo lakonao ze nitingininao ndrozy, ze navotanao baka Egipta any manahaky ty baka amy ty fatapera fiketseha-vy ao.⁵²Mivavaky zaho mba hisokatsy amy ty fangataha ty mpiasanao noho noho ty fangataha ty Israely olo nao ty masonao, mba hinjanjy androzy ndra ombia ndra ombia hikaihany Anao.⁵³Fa navahanao tamy olo lako ty tany iaby eo ndrozy mba ho Ahy nao rey sady handramby ty fampanantenanao, manahaky ty nihazavaninao tamy ty alala i Mosesy mpiasanao, tamy ie mbo nanday ty razanay niboaky ta-Egipta any Iha, Tompo Yaveh e.⁵⁴Ka le lafa baka nanao vavaky noho fangataha iaby zay tamy Yaveh i Solomona, le nitsanga baka aloha ty alitara Yaveh eo ie, lafa baka nandohaliky noho namelatsy ty tanany nanatsiky ty lanitsy.⁵⁵Nitsanga ie sady nitsi-pirano ty goropin'Israely iaby tamy ty feo mahery, nanao hozao: ⁵⁶"Tompoy lahy Yaveh, azy nanome fijanona ho an'Israely olony, tamy ty fitandranany ty fampanantenany iaby. Tsy nisy safa latsaky baka amy ty fampanantena soa Yaveh ze nanoviny tamy i Mosesy mpiasany."⁵⁷Hitahy antsika lahy Yaveh Njanaharintsika, manahaky ty nitahiany ty razantsika rey.⁵⁸Tsy hiala antsika lahy le na hahafoy antsika, mba hampihoriraniny ho Aminy ty fontsika, mba hiaina amy ty lalany iaby noho hiemby lily noho lalàny rey sady fitsipiky rey, ze nibekoany ty razantsika rey.⁵⁹Engaho safa ze nambarako, ze nangatahiko tanila Yaveh rey, ho anila Yaveh Njanaharintsika andro noho ty haly, mba hanomezany rariny ty mpiasany noho ty Israely olony, manahaky ze ilà isan'andro; ⁶⁰mba ho hainy ty firenea iaby an-tany eto fa Yaveh, ro Njanahary, sady tsy misy Njanahary hafa! ⁶¹Ka le engao ho marina amy Yaveh Njanaharintsika ty fonareo, mba handeha amy ty lalany sady hiemby liliny rey eo, manahaky ty androany."⁶²Ka le nanome soro ho an'Yaveh ty mpanjaka noho Israely iaby niaraky taminy rey. ⁶³Nanome soro fanomezam-pilongoa i Solomona, ze nanoviny ho an'Yaveh: aomby roa arivo noho roa aly sady aondry 120.000. Ka le nitokana ty mpanjaka noho olo lakon'Israely iaby rev ty tsano Yaveh.⁶⁴Tamy andro io avao ro natoka ty mpanjaka ty anivo ty kianja taloha ty egilizy Yaveh eo, fa teo ro nanomezany ty fanomeza oroa, ty fanomeza vary, sady ty tavy ty fanomezam-pilongoa, safe kelikely maré laha handrambesa ty fanomeza oroa, ty fanomeza hohany, sady ty tavy ty fanomezam-pilongoa ty alitara saba ze tanila Yaveh.⁶⁵Ka le nanovy i Solomona, mbamy Israely iaby rey niaraky taminy, ze halakoa biby, zisiky Lebo-hamata any ka le zisiky amy ty lohan-driaky Egipta any, tanila Yaveh Njanaharintsika eo tanay ty fito andro sady tanay ty fito andro hafa koa, ze mitovy folo efatsy amby andro ty fety tamy fotoa zay. ⁶⁶Sady tamy ty andro fahavalo ro nampoly olo lako rey ie, sady nitsi-pirano ty mpanjaka ndrozy ka le noly tan-tsanony any tamy ty fo soasoa noho falifaly noho ty amy ty hasoa natoro Yaveh tamy i Davida mpiasany iaby, sady tamy Israely olony.

Chapter 9

¹Lafa vita i Solomona ty fangataha ty tsano Yaveh noho ty lapa ty mpanjaka, sady lafa nahantanteraky ze iaby niriny ho vita ie, ²le niboaky fanindroeny tamy i Solomona Yaveh, manahaky ty niboahany taminy ta Gibeona ao. ³Sady hoasa Yaveh taminy hozao: "Fa reko ty vavaky noho ty fangatahany ze nanovinao tanilako eo. Fa natokako ho Ahy, tsano ze natsanganay toy, mba hametsahako ty anarako ho ao zisiky farany. Ty masoko noho ty foko le ho rava amy ty fotoa iaby eo." ⁴Sady iha, laha handeha anilako eo manahaky ty nandehana i Davida babanao tamy ty fatsoram-po noho tamy ty fahamarina, hanenkea ze nibekoako anao iaby sady hiemby lalàko rey noho liliko rey, ⁵le hametsaky ty seza ty fipetsaha ty fanjakanao amy ty Israely eo zisiky farany zaho, manahaky ty nampanantenako tamy i Davida babanao, hoe: "Ty tarihanao ro tsy hiala amy ty seza fipetsahan'Israely eo mihintsy." ⁶Fa laha mivio iha, iha na anakinao rey, ka le tsy miemby liliko rey noho lalàko ze napetsako anilanao eo, sady laha mandeha ka le manompo njanahary hafa sady mandohaliky amindrozy eo iha, ⁷le halako amy ty tany ie ze nameako androzy eo Israely rey; sady tsano ze fa natokako ho ahy ty anarako toy, ro halako tsy ho hita ty masoko, sady Israely to go avy manahaky ty raha fikizaha noho amy ty volo lako iaby rey eo. ⁸Ho rava ho kaiasy Egilizy toy, sady ze iaby mandalo amy zay eo ro ho tseriky ka le hitsiotsioky. Hanontany androzy hozao: "Nanino Yaveh ro nanao zao tamy ty tany noho tsano toy?" ⁹Ty hafa hamaly hozao: "Safe nahafy an'Yaveh Njanahariny ndrozy, ze nanday ty razam-ben-drozy niboaky ty tany Egypta, sady nipitiky tamy ty njanahary hafa ka le nandohaliky sady nanompo androzy. Zay ro antony nandaisa Yaveh loza iaby zy tamin-drozy." ¹⁰Lafa tampitsy ty ropolo tao ze nahavita i Solomona ty fampitsangana tsano bevata roe rey, ty egilizy Yaveh noho ty lapa ty mpanjaka. ¹¹Sady Hirama mpanjaka i Tyra, le nanome hazo sedera noho Kypreso, sady volamena an'i Solomona-ze iaby nirí i Solomona_ ka le namea i Solomona Mpanjaka tanà ropolo tamy ty tany i Galilia ao i Hirama. ¹²Niboaky baka Tyro ao i Hirama mba hanenty tanà ze namea i Solomona azy rey, nefa tsy nahafaly azy zay. ¹³Sady hoy i Hirama: "Fa tanà ino ameanao ahy reto, rahalahiko e?" ¹⁴Nikaihy i Hirama hoe Tany Kobola rey, ze mbo hikaiha androzy zisiky androany any. ¹⁵Nampanesy talenta volamena 120 ho ahy ty mpanjaka i Hirama. ¹⁶Manaraky zao ro anto ty fitakea amy ty asa ze napetsaky i Solomona Mpanjaka: mba hampitsangana ty egilizy Yaveh noho ty lapany, mba hampitsangana an'i Milo noho ty rindry i Jerosalema, sady ty mba hampitsangana ty vala fiarova i Hazora, Megido, sady Gazera. ¹⁷Niakatsy sady nangalaky an'i Gazera i Farao mpanjaka i Egypta. Nioroany zay sady nivonony Kananita rey tan-tanà ao. Sady le namea i Farao ahy ty anak'ampelany, valy i Solomona, ho fanomeza ho ahy ty fangala-baly ty tanà. ¹⁸Ka le nampoly i Solomona natsanga i Gazera noho Beti-horona Ambany, ¹⁹Beleta noho Tadmora ambaluky any amy ty tany Joda any, ²⁰noho tanà fanajaria iaby ze nananany rey, noho tanà kalesany rey sady tanà ty mpiondra-sovaliny rey, sady ze iaby niriny ho atsanga ho teateany ta Jerosalema ao, ta Libanona ao, sady tamy ty tany iaby ambany ty fifehezany eo. ²¹Sady olo lako iaby sisa tavela tamy Amorita rey, Hitita, Perizita, Hivita, sady Jebosita, ze tsy olo lako ty Israely, ²²tarihan-drozy ze tavela niaraky tamindrozy tamy ty tany ao rey, ze tsy vita ty olon'Israely ty nandrava azy tanteraky_ nanovy i Solomona mpiasa forosé ndrozy, zisiky androany. ²³Ndra zay aza, le tsy nanovy i Solomona mpiasa forosé olo lako ty Israely rey. Fa koa, nanjary maramilany noho mpiasany, manam-pahefa, noho manam-boninahitsy sady mpifehy kalesany rey sady mpiondra sovaliny rey rozy. ²⁴Ndreto avao koa ty habe ty manam-pahefany miantoky ty mpanara-maso ze tamy ty asa i Solomona rey, 550 tamindrozy, ze nanara-maso ty olo lako ze nisahy. ²⁵Nifalo baka amy ty tanà i Davida ao mba ho amy ty tsano ze natsanga i Solomona ho anazy any ty anak'ampela i Farao. Tafara tato, le nampitsanga an'i Milo i Solomona. ²⁶Manome fanomeza oroa noho fanomezam-pilongoa in-telo isan-tao anabo ty alitara ze namboariny ho an'Yaveh eo i Solomona, mandoro lintan-kazo lanitsy miaraky amy anabo ty alitara ze anila Yaveh rey eo. Ka le vitany ty egilizy sady ampiasany zay amy zao. ²⁷Namboatsy sambo lako ta Ezion-gebera ao i Solomona Mpanjaka, ze anila i Elota ao, tamy sisy ty Riaky Mena, tamy ty tany Edoma ao. ²⁸Nandefa mpiasa ho ahy ty sambo lako i Solomona i Hirama, tantsambo ze nahay ty riaky, niaraky tamy mpiasa i Solomona. ²⁹Nandeha ta Ofira any niaraky tamy mpiasa i Solomona rey ndrozy. Baka any ro nandrambesan-drozy talenta volamena 420 ho an'i Solomona Mpanjaka.

Chapter 10

¹Lafa nahare ty voala i Solomona mikasiky ty anara Yaveh ty mpanjak'ampela i Sheba, le niavy hitsapa azy amy ty fanontanea sarotsy ie. ²Niavy ta Jerosalema any niaraky taminy rodobe lava tena lava, nisy rameva nanday raha-manitsy, volamena bevata biby, sady vato sarotsy lako ie. Lafa niavy ie, le nambarany tamy i Solomona iaby ze tam-pony iaby ao. ³Nivalia i Solomona ty fanontaneany iaby. Tsy nisy tsy voavaly ty mpanjaka ty fanontaneany. ⁴Lafa nahita ty fahendrea i Solomona iaby ty mpanjak'ampela i Sheba, ty lapa ze namboariny, ⁵ty hany tan-databatsiny eo, ty seza ty mpiasany, ty asa mpiasany rey noho ty fisikinan-drozy, sady ty mpanday ty kapoakiny avao koa, noho ty fomba nanomezany fanomeza oroa tan-tsano Yaveh ao, le jilo vatany ie. ⁶Hoy ie tamy ty mpanjaka: "Marina vatany, azy tatitsy ze reko tamy ty taniko any mikasiky ty safanao noho ty fahendrenao iny. ⁷Tsy nino zaho laha tsy avy teto, sady nahita maso zay zaho amy zao. Tsy ampy antsasakiny amy ty fahendrea noho hanananao ro voatantara tamiko! Nandilatsy ze reko ty volanao. ⁸Sambatsy lahy valinao rey, sady sambatsy avao koa mpiasanao ze mijano alohanao avao rey, safe maharé ty fahendrenao ndrozy. ⁹Hotompoy lahy Yaveh Njanaharinao, ze mahita sitsaky aminao, noho nampipetsaky anao tamy ty seza fipetsahan'Israely. Safe tea Yaveh zisiky farany Israely, nanoviny mpanjaka iha, mba hananovanao ty rariny noho ty fahamarina!" ¹⁰Nameany talenta volamena 120 sady raha-manitsy lako noho vato sarotsy ty mpanjaka. Tsy nisy nanome raha-manitsy lako manahaky ze namea i mpanjak'ampela ty Sheba rey an'i Solomona Mpanjaka sasy. ¹¹Sady ty sambo lako i Hirama, ze nanday volamena baka Ofira any, nanday hazo almoga noho vato sarotsy lako avao koa. ¹²Nanovy ty mpanjaka tsangam-bato ho ahy ty tsano Yaveh noho ty lapa ty mpanjaka, sady lokanga noho valiha ho ahy ty mpihira ty hazo almoga. Tsy nisy hazo almoga lako manahaky zay niavy na hita sasy zisiky androany. ¹³Namea i Solomona Mpanjaka ze iaby niriny ty mpanjak'ampela i Sheba, ndra ino ndra ino nangatahany, miampy an'i ze fanamea i Solomona azy amy ty fanomeza i mpanjaka. Ka le nimpoly tamy ty taniny niaraky tamy mpiasany rey ie. ¹⁴Sady ty volamena niavy tamy i Solomona ao tanay ty herintao ro talenta volamena milanja 666, ¹⁵afa-tsy ty volamena nandesy mpanolo noho mpamarotsy rey. Mpanjaka iaby ta Arabia any rey noho governora tamy ty firenea ao avao koa rey le nanday volamena noho volafoty tamy i Solomona any. ¹⁶Nanao fiaro bevata roanjato namboary tamy ty volamena namboary i Solomona Mpanjaka. Sekely volamena eninjato ro nanova ty raiky tamy zay. ¹⁷Nanao fiaro telon-jato namboary tamy ty volamena namboary avao koa ie. Ka le volamena telo maneno nanova ty raiky tamy ty fiaro; napetsaky ty mpanjaka tamy ty lapa ty Ala i Libanona rey ao. ¹⁸Sady nanao seza fipetsaha bevata ty mpanjaka sady nifonosany tamy ty volamena farany ze matify zay. ¹⁹Nisy esikalié eny nana amy ty seza fipetsaha eo, sady boribory ty fiankinany. Nisy fametsahan-tana isaky ty sisiny ty seza. sady liona roe mitsanga anilany eo. ²⁰Liona folo roa amby ro nitsanga tamy ty esikalié eo, daily isaky ty sisiny ty esikalié eny. Tsy nisy seza fipetsaha manahaky zay tamy ty firenea hafa iaby eo. ²¹Ty kapoaky finoma i Solomona Mpanjaka iaby ro namboary tamy ty volamena iaby, sady ty boly finoma tamy ty Lapa ty Ala i Libanona ao ro namboary tamy ty volamena tsy misy fangarony iaby. Tsy nisy volafoty rey, safe tsy nirambesiny ho sarotsy zay tamy ty andro i Solomona. ²²Nana sambo lako mpamonjy riaky ty mpanjaka, niaraky tamy ty sambo lako i Hirama. Indrakiny anay ty telo tao avao ro nanday volamena, volafoty, sady ivory sambo lako rey, sady rajako noho gitso avao koa. ²³Nandilatsy tamy hanana noho tamy ty fahendrea noho ty ahy ty mpanjaka iaby tan-tany eto rey ty ahy i Solomona Mpanjaka. ²⁴Nila ty hifamonjy tamy i Solomona ty tany raiky iaby mba haharé ty fahendreny, ze napetsaky Njanahary tam-pony ao. ²⁵Nanday fanomeza ze nisafo rey, enta volafoty noho volamena, sady siky, siky fiarova, sady raha-manitsy, sovaly noho apondra avao koa, isan-tao san-tao. ²⁶Namory kalesa noho mpiondra-sovaly i Solomona. Nana kalesa 1. 400 noho mpiondra-sovaly roa arivo noho ray aly ie ze najanony tamy ty tanà fipetsaha ty kalesa eo noho niaraky taminy ta Jerosalema any. ²⁷Nana volafoty ta Jerosalema ao ty mpanjaka, lako manahaky ty vato tamy ty tany eo zay. Nanoviny lako manahaky ty hazo aviavy tamy ty tany mando any ty hazo sedera. ²⁸Nana sovaly ze nivily ta Egypta noho Silisia any i Solomona. Nivily ty mpamarotsy ty mpanjaka isaky ty andilany ndrozy, sady samby nana ty viliny iaby ty andiany raiky. ²⁹Ty kalesa ro tambaliky i Egypta any ro nivilia sady sekely volafoty eninjato ty raiky, sady sovaly 150 sekely ty raiky. Lako tamy rey ro navily tamy ty mpanjaka ty Hetita noho ty mpanjaka ty Syria iaby.

Chapter 11

¹Sady i Solomona Mpanjaka ro nitea ampela vahiny lako: azy anak'ampela i Farao iny noho ampela i Moabita rey, Amonita, Edomita, Sidoniana, sady Hetita rey-²firenea vokatsiky ze nivolany Yaveh tamy ty olo lakon'Israely rey hozao: "Tsy handeha amin-drozy eo iha mba hanambaly, ndra ndrozy ho aminao eo, safe ndrozy ro hampitoliky ty fonao amy njanaharin-drozy vatany rey." Nefa i Solomona tea an'i ampela rey.³Nanam-baly mpanjaka ampela fitonjato noho valikely telon-jato i Solomona. Hampitoliky ty fony ampela rey. ⁴Fa lafa niha-antitsy i Solomona, le nampitoliky ty fony tamy njanahary hafa valiny rey; fa tsy Njanahary ie, manahaky ty fony i Davida babany.⁵Fa i Solomona ro nanoriky an'i Astarta, azy njanahary ampela Sidoniana rey, sady nanoriky an'i Milkoma ie, azy sampy tivativa Amonita iny. ⁶Nanao ze raty tamaso Yaveh i Solomona; tsy nanoriky tanteraky an'i Yaveh ie, manahaky nanovy i Davida babany.⁷Sady nampitsanga toera abo ho ahy i Kemosa i Solomona, azy sampy tivativa i Moaba iny, tamy ty vohitsy antinana i Jerosalema eo, sady ho ahy i Moloka, azy sampy tivativa ty olo lako i Amona iny. ⁸Nampitsanga toera abo avao koa ie ho ahy ty ampela vahiny iaby rey, ze nandoro lintan-kazo manitsy noho nanao soro ho ahy njanaharin-drozy tamy rey.⁹Neloky tami i Solomona i Yaveh, noho ty nivilia ty fony niala taminy, azy Njanaharin'Israely iny, ndra le niboaky indroe taminy aza Ie ¹⁰sady nibeko azy mikasiky ty raha io mihintsy, fa tsy tokony hanoriky njanahary hafa rey ie. Fa i Solomona ro tsy nanenky ze lily Yaveh.¹¹Laha zay le hoy i Yaveh tamy i Solomona: "Safe nanao zay iha sady tsy nitandraky ty fanenkeam-pilongoa noho lalàko ze nibekoako anao rey, le ho alako aminao vatany ty fanjaka sady hameako ty mpiasanao. ¹²Nefa, noho ty amy i Davida babanao, ro tsy hanao zay amy ty androm-piainanao iaby zaho, fa hangalaky zay amy ty tana ty anakinao. ¹³Tsy mbo hangalaky ty fanjaka iaby aminao zaho; fa hanome foko raiky ho ahy ty anakinao noho ty amy i Davida, noho ty amy i Jerosalema, ze nitinginiko." ¹⁴Le nampitsanga fahavalo raiky ho ahy i Solomona Yaveh, le i Hadada azy Edomita iny. Baka amy ty longo i Edoma ie. ¹⁵Lafa ta Edoma ao i Davida, le niakatsy mba handevy ty maty i Joaba azy bey ty tafiky iny, ty olo iaby ze voavono ta Edoma ao. ¹⁶Nipetsaky tao tanay ty enim-bola i Joaba noho Israely iaby zisiky hamonao ty lahilahy iaby ta Edoma ao. ¹⁷Fa i Hadada ro nala ty mpiasa ty babany ta Egipta ao niaraky tamy Edomita hafa rey, safe i Hadada ro mbo aja lahilahy kelikely. ¹⁸Niala ta Midiana ao ndrozy sady niavy ta Parana ao, ze nangalan-drozy olo miaraky aminy ho Egipta ao, ho amy i Farao mpanjaka i Egipta any, ze nanome tsano noho tany sady hany ho azy. ¹⁹Nahita sitsaky bevata tamaso i Farao eo i Hadada, ka le namea i Farao valy ie, le ty rahavavim-baliny, azy rahavavy i Tapanesa mpanjak'ampela iny²⁰Niteraky aja lahilahy tamy i Hadada azy rahavavy i Tapanesa iny. Namean-drozy ty anara hoe Genobata ie. Natsanga i Tapanesa tamy ty lapa i Farao ao ie. Ka le nipetsaky tamy ty lapa i Farao ao tamy ty anaky i Farao eo i Genobata. ²¹Laha mbo ta Egipta ao ie, le nahare i Hadada fa nimaty amy ty razany any i Davida sady i Joaba azy kapiteny ty maramila iny le nimaty, hoy i Hadada tamy i Farao: "Engao zaho, handeha, mba ho afaky ho amy ty fireneko any." ²²Le hoy i Farao taminy: "Fa ino ro tsy ampy anao amiko eto, ro mila ho amy ty firenenao any iha amy zao?" Ke namaly i Hadada hozao: "Tsy misy. Mba engao handeha lahy zaho." ²³Nam-pitsanga-fahavalo hafa ho an'i Solomona avao koa Njanahary, le i Rezona any i Eliada, ze nilay an'i Hadadezera mpanjaka i Zoba tompony. ²⁴Namory olo ho anazy i Rezona ka le nanjary kapiteny ty tafiky kelikely ie, lafa nandresy ty olo i Zoba i Davida. Lahilahy i Rezona rey ro nana Damaskosy sady nipetsaky tany, ka le nifehezy i Rezona i Damaskosy. ²⁵Fahavalon'Israely ie tanay ty andro i Solomona iaby, niaraky tamy ty koronta ze nanovy i Hadada. Nalay an'i Israely i Rezona sady nanjaka tamy i Arama eol²⁶Sady i Jeroboama anaky i Nebata, Efraimita baka Zereda any, manam-pahefa i Solomona, ze Zerao ro anaran-dreniny, mpandaivata raiky, le nangalaky ty tanany tamy ty mpanjaka avao koa. ²⁷Ty antony nangalany ty tanany tamy ty mpanjaka le safe namboatsy ty toera ta Milo ao noho nanampy ty lavaky tamy ty rindry ty tanà i Davida babany i Solomona. ²⁸Jeroboama ro lahilahy raiky mahery. Hita i Solomona fa pamaraky miasa ie, ka le nameany alala nibeko ty asa iaby tamy ty tsano i Josefa ao. ²⁹Tamy fotoa zay, lafa niboaky a-Jerosalema any i Jeroboama, le nahita azy tamy ty lala i Ahia Silonita to-resaky eny. Sady nanisy siky vaovao i Ahia sady ndrozy roe lahy ro tavela tam-baibo ao. ³⁰Sady nangalaky ty akanjo vaovao ze taminy eny i Ahia ka le nizarazara zay ho folo roe amby.³¹y ie tamy i Jeroboama: "Mangalà tapatapany folo, fa Yaveh, Njanaharin'Israely iny, nicola hozao: "Ingo, hangalaky ty fanjaka amy ty tana i Solomona eo Zaho ka le hanome foko folo ho ahinao ³²(fa i Solomonaro hana foko raiky, noho ty amy i Davida noho ty amy i Jerosalema- tanà ze nitinginiko tamy ty fokon'isarely iaby rey iny), ³³safe hahafoy Ahly ndrozy sady nanompo an'i Astarta njanaharin'ampela ty Sidoniana rey iny, Kemosa njanahary i Moaba iny, sady Moloka njanahary ty olo lako i Amona iny. Tsy nandeha tamy ty lalako ndrozy, mba hanao ze marina amasoko eo, noho hiemby lalàko rey noho liliko rey, manahaky ty nanovy i Davida babany.³⁴Nefa, tsy hangalaky ty fanjaka raiky iaby amy ty tana i Solomona Zaho. Fa koa, nanao azy ho mpanapaky amy ty andro iaby hiainany, noho ty amy i Davida mpanompoko ze nitinginiko, azy raiky niemby liliko rey noho lalàko rey iny. ³⁵Fa nanahaky ty fanjaka an-tana ty

anany ro Zaho ka le hanome zay anao, le foko folo rey. ³⁶Hanome foko raiky ho ahy ty ana i Solomona Zaho, mba hana fanilo mandrakariva anilako eo a-Jersalema ao i Davida mpiasako, tanà ze nitinginiko mba hasia ty anarako. ³⁷Hangalaky anao Zaho, ka le hanapaky iha mba hanatanteraky ze iaby irinao, le ho mpanjaka amy Israely eo iha. ³⁸Laha mijanjy ze hibekoako anao iaby iha, sady laha mandeha amy ty lalako noho manao ze marina amasoko eo, mba hiemby ty lalàko noho ty liliko rey, manahaky ty nanovy i Davida mpiasako, le hiaraky aminao Zaho sady hampitsanga tsano azo antoky ho anao, manahaky ty nampitsanganako ho an'i Davida, sady hanome anao an'Israely Zaho. ³⁹Hanasazy ty tariha i Davida rey Saho fa tsy ho zisiky farany."⁴⁰Ka le nieritseritsy ty hamono an'i Jeroboama i Solomona. Fa i Jeroboama niakatsy sady nilay ta Egypta any, tamy i Sisaka mpanjaka i Egypta any, le nijano ta Egypta ao ie zisiky mahafaty Solomona. ⁴¹Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Solomona, ze iaby nanoviny noho ty fahendreany, moa va tsy voasoratsy amy ty boky ty tanatara rey ao mikasiky an'i Solomona rey? ⁴²Nanjaka ta Jerosalema ao tamy Israely iaby rey i Solomona tanay ty efapolo tao. ⁴³Nimaty tamy razambeny rey ie sady nalevy tamy ty tanà i babany ao. Le nanjary mpanjaka tafarany i Rehoboama anakilahiny.

Chapter 12

¹Le nana a-Sekema i Rehoboama any, safe ty Israely iaby ro avy ta-Sekema ao mba hanao azy ho mpanjaka.

²Nahare zay Jeroboama anakilahy i Nebata (fa ie mbo ta Egyptaany, tamy ze nilaisany ty famonjea i Solomona Mpanjaka), safe Jeroboama nipetsaky ta Egypta ao.³Sady nampaniraky noho nikaiky azy ndrozy, sady Jeroboama noho egilizy ty Israely iaby rey avy sady nivola tamy i Rehoboama hoozao: "Nanovy ty babanao mavesatsy ty zioganany. Ka le anovo tsy misy dikany ty asa mahery ty babanao, sady anovo tsy misy dikany ty zioga mavesatsy ze nampanandesiny anay, le hanompo anao zahay." ⁴Rehoboama nivola tamin-drozy hoozao: "Mandehana anay ty telo andro sady mimpolia amiko atoy." Ka le nandeha ty olo lako.⁵Nangalaky hevitsy tamy ty lahilahy zokin'olo ze namonjy an'i Solomona babany tamy ie mbo velo i Rehoboama Mpanjaka, sady hoy ie hoozao: "Ino ro sosokevitsy nareo ho ahy mba hamaleako ty olo lako rey?" ⁶Nivola taminy ndrozy sady nanao hoozao: "Laha ho mpiasa ty olo lako rey iha henanikio ka le hanompo androzy, sady mpiasanao zisiky farany ndrozy." ⁷Fa i Rehoboama nandà ty torohevitsy ze namea ty zokin'olo azy sady nila hevitsy tamy pamaraky ze niaraky nibey taminy rey noho nanatsiky azy.⁸Hoy ie tamin-drozy hoozao: "Ino ro torohevitsy ameanareo ahy ze mety havalintsika ty olo lako ze niresaky rey noho nivola tamiko rey hoozao: "Ka asia dikany ty zioga ze napetsaky ty babanao taminay?" ⁹Pamaraky ze niaraky-nibey tamy i Rehoboama rey nivola taminy sady nanao hoozao: "Miresaha amy ty olo lako ze nivola taminao fa i Solomona babanao ro nanao ty ziogan-drozy ho mavesatsy nefa iha tsy maintsy tsy hampisy dikany zay. Tokony hivola amin-drozy iha hoozao: 'Ty kikiko ro bevata noho ty valaha ty babako.' ¹⁰Ka le amy zao, na ro nampanday zioga mavesatsy anareo aza ty babako, le mbo hanampy ty zioga zaho. Ty babako nanasazy anareo tamy ty karavasy fa zaho koa hanasazy anareo amy ty maingoky." ¹¹Ka le niavy tamy i Rehoboama any tamy ty andro fahatelo i Jeroboama noho ty olo lako iaby, manahaky ty nibekoa ty mpanjaka lafa nivola ie hoozao: "Mimpolia amiko eto amy ty andro fahatelo." ¹²Ty mpanjaka namaly ty olo lako tamy ty safa mahery sady nandà ty soso-kevitsy ze namea zokin'olo rey azy. ¹³Niresaky tamin-drozy ie manahaky ty soso-kevitsy ty pamaraky; hoy ie hoozao: "Nampandaisy anareo ty zioga mavesatsy ty babako, neda mbo hanampy ty zioganareo zaho. Nanasazy anareo tamy ty karavasy ty babako, fa zaho koa hanasazy anareo amy ty maingoky." ¹⁴Sady le tsy nijanjy ty olo lako ty mpanjaka, fa baka amy Yaveh raha zay, mba hafahany manantanteraky ty safany ze nivolaniny tamy ty alala i Ahia azy Silonita iny tamy i Jeroboama anakilahy i Nebata. ¹⁵Lafa hita ty Israely iaby fa tsy nijanjy androzy ty mpanjaka, le namaly azy ty olo lako sady nanao hoozao: "Ino ro mba anjarany amy i Davida ao? Tsy mana lova amy ty anakilahy i Jese ao zahay! Mandehana an-dainareo any, Israely e. Amy zao henteo ty longonao, Davida e." Le nimpoly tan-dainy any ty Israely. ¹⁶Fa olo lakon'Israely ze nipetsaky tan-tanà i Joda rey ao, le i Rehoboama ro nanjary mpanjakan-drozy. ¹⁷Sady i Rehoboama Mpanjaka naniraky an'i Adorama, ze nifehy mpiasa forosé, fa ty Israely iaby nitoraky vato azy ka le maty ie. Rehoboama mpanjaka nilay malaky ta Jerosalema any niaraky tamy ty kalesany. ¹⁸Laha zay Israely ro niharo tamy ty tariha i Davida zisiky androany. ¹⁹Lafa ré ty Israely iaby fa nimpoly i Jerosalema ro nampaniraky nampikaiky azy ho amy ty fivorian-drozy ao, sady nanao azy ho mpanjaka ty Israely iaby. Tsy nisy olo ndra raiky aza nanoriky ty longo i Davida, hafa-tsy ty foko i Joda raiky avao. ²⁰Lafa niavy ta Jerosalema ao Rehoboama, le namory tariha i Joda rey noho foko i Benjamina iaby rey; nisy lahilahy voatingy 180.000 ze maramila, mba hialy amy ty tarihan'Israely, mba hampimpoly ty fanjaka i Rehoboama anakilahy i Solomona. ²¹Fa ty safan-Janahary niavy tamy i Semaia, azy lahilahy Njanahary iny; voaresaky hoozao: ²²"Anambarao i Rehoboama anakilahy i Solomona, mpanjaka i Joda, ty tariha i Joda noho i Benjamina iaby, sady olo sasany iaby rey; volano hoozao: ²³"Zao ro safa Yaveh: Mba ka manafiky ndra mialy amy ty rahalahinao olo lakon'Israely iha. Ty lahilahy kirai-draiky ro tsy maintsy nimpoly amy ty tsanony any, safe baka Amiko raha zao." Le nijanjy ty safa Yaveh ndrozy, sady nimpoly noho nandray ty lalany, sady nanenky ty safany ndrozy. ²⁴dy Jeroboama namboatsy an'i Sekema tamy ty tany vohitsy i Efraima eo, sady nipetsaky eo. Niboaky baka ao ie sady namboatsy an'i Pehoela. ²⁵Jeroboama nanao anakam-po hoozao: "Himpoly ho ahy ty tariha i Davida ty fanjaka amy zao. ²⁶Laha miakatsy mba hanao soro amy ty egilizy Yaveh ao a-Jersalema ao olo lako rey, le himpoly amy ty tompo-drozy, le amy i Rehoboama mpanjaka i Joda ndraiky ty fo ty olo lako rey. Hamono ahy ndrozy ka le himpoly amy i Rehoboama mpanjaka i Joda. ²⁷Sady Rehoboama mpanjaka nila hevitsy sady namboatsy anak'aomby volamena roe; le hoy ie tamy ty olo lako: "Sarotsy ho anareo ty hiakatsy ho a-Jersalema any. Ingo, ndreto ty Njanaharinareo, Israely e, ze nanday anareo niakatsy niala ty tany Egypta." ²⁸Napetsakiny ta Betela ao ty raiky sady azy hafa ta Dana any iny. ²⁹Sady le nanjary fahota ty fihetsiky zay. Ty olo lako nandeha tamy ty raiky na azy hafa iny, tamy ty lala iaby mana Dana any. ³⁰Jeroboama namboatsy tsano rey tamy ty toera abo sady nitondro mpisoro baka amy ty olo lako iaby rey, ze tsy baka amy anakilahy i Levy rey avao koa ie. ³¹Nitingy andro fifalefalea i Jeroboama tamy ty vola faha valo, tamy ty andro faha folo limy amby vola, manahaky azy fifalefalea ze a-Joda any, sady niakatsy tamy ty alitara eny ie. Ta Betela any ro nanovany zay,

nanao soro tamy ty anak'aomby ze namboariny, sady napetsakiny ta Betela any mpisoro rey tamy ty toera abo ze nanoviny ao .³³Niakatsy tamy ty alitara ze namboariny ta Betela ao i Jeroboama ao tamy ty andro faha folo limy amby vola fahavalo, tamy ty vola ze nidinihy ty sainy manoka; nitingy andro fifalefalea ho ahy ty olo lakon'Israely ie, sady niakatsy tamy ty alitara any mba handoro lintan-kazo manitsy.

Chapter 13

¹Nisy lahilahy Njanahary baka Joda any niavy ta Betela ao noho ty safa Yaveh. Nitsanga tanila alitara i Jeroboama eo mba handoro lintan-kazo manitsy. ²Nihoakoaky tamy ty alitara noho ty safa Yaveh ie hozao: "Alitara! Alitara! Zao ro volany Yaveh hozao: 'Ingo, hisy lahilahy nikaihy hoe Josia hateraky amy ty longo i Davida, sady aminao eo ro hananovany siro mpisoro amy ty toera abo bibiky ze mandoro lintan-kazo manitsy rey eo aminao eo zao. Handoro taolan'olombelo aminao eo ndrozy.'" ³Bakeo lahilahy Njanahary nanome fahaiza ty andro iny avao, nanao hozao: "Zao ro fahaiza nivolany Yaveh: 'Ingo, hiparitaky ty alitara, sady hiaraky ty lavenoky aminy eo.'" ⁴Lafa re ty mpanjaka ze nivolany lahilahy Njanahary iny, fa nikaiky mare nanohitsy ty alitara ta Betela ao ie, le nanampatsy ty tanany baka amy ty alitara eo i Jeroboama, nanao hozao: "Samboro ie." Bakeo maty tana ze nanampatsy tamy azy lahilahy iny, ka le tsy afaky nanemotsy say himpoly sasy ie. ⁵(Niparitaky avao koa alitara iny sady niraraky baka amy alitarany iny eo ty lavenoky, manahaky ty voafaritsy azy fahaiza ze namea lahilahy Njanahary iny noho ty safa Yaveh.) ⁶Namaly Jeroboama Mpanjaka sady nivola tamy alhilahy Njanahary iny hozao: "Mangataha sitsaky amy Yaveh Njanahariko, sady mivavaky ho ahy, mba hampimpoly amiko ndraiky ty tanako." Laha zay le nivavaky tamy Yaveh lahilahy Njanahary iny, sady nampimpoly taminy ndraiky ty tana ty mpanjaka, sady nanjary manahaky ty taloha eo zay. ⁷Hoy ty mpanjaka tamy lahilahy Njanahary iny hozao: "Andao holy miaraky amiko ka le hangalaky ay, sady hameako valisoa iha." ⁸Hoy lahilahy Njanahary iny tamy ty mpanjaka hozao: "Ndra le hameanao ahy aza ty antsasaky ty hanananao, le tsy handeha hiaraky aminao zaho, na hihinan-kany na hino rano amy toera toy," ⁹safe Yaveh nibeko ahy tamy ty safany hozao: "Tsy hihina mofo na hino rano iha, na himpoly amy ty lala ze niavianao." ¹⁰Laha zay le nandeha tamy ty lala hafa lahilahy Njanahary iny sady tsy nimpoly tan-tsanony any tamy ty lala ze nandehanany ho a-Betela any. ¹¹Sady nisy olo to-resaky antitsy raiky nipetsaky ta Betela ao, sady nia y ty raiky tamy anakilahiny rey ka nivola taminy ty raha iaby ze vita lahilahy Njanahary iny ta Betela ao tamy andro io. Nivolany ty anany taminy koa safa ze nivolany lahilahy Njanahary tamy ty mpajaka rey iny. ¹²Hoy ty baban-drozy tamin-drozy hozao: "Aia ro lala nandehanany?" Sady hita anany iny ty lala nandehana ty lahilahy Njanahary iny baka a-Joda any. ¹³Laha zay le hoy ie tamy anakilahiny rey hozao: "Asio lasely ho ahy ty boriky." Ka le nasian-drozy lasely boriky iny sady niondranany zay. ¹⁴Nanaraky azy lahilahy Njanahary iny olo to-resaky antitsy iny ka le nahita azy nipetsaky tambany hazo terebinta eo; sady hoy ie taminy hozao: "Iha va azy Njanahary baka a-Joda any iny?" Le namaly ie hozao: "Zaho maré." ¹⁵Bakeo nivola taminy azy olo to-resaky antitsy iny hozao: "Andao hiaraky amiko an-tsano any sady hihinan-kany." ¹⁶Le namaly hilahy Njanahary iny hozao: "Tsy handeha himpoly hiaraky aminao zaho na hilitry hiaraky aminao, na hihinan-kany na hino rano miaraky aminao amy toera zay, ¹⁷safe nibekoa ahy tamy ty safa Yaveh zay hoe: 'Tsy mahazo mihina hany na mino rano any iha, na mimpoly amy ty lala ze nandehananao.'" ¹⁸Le hoy azy to-resaky antitsy iny taminy hozao: "Olo to-resaky manahaky anao koa zaho, sady nisy anjely niresaky tamiko noho ty safa Yaveh, nanao hozao: 'Andeso mimpoly an-tranonao any miaraky aminao ie, mba hafahany mihinan-kany noho mino rano.'" Nefa navandy tamy ty lahilahy Njanahary iny ie. ¹⁹Laha zay le nandeha nimpoly niaraky tamy azy to-resaky antitsy iny lahilahy Njanahary iny sady nihinan-kany tan-tsanony ao noho nino rano. ²⁰Laha nipetsaky tan-databatsy eo ndrozy, le niavy tamy azy to-resaky ze nanday azy nimpoly iny ty safa Yaveh, ²¹sady nikoraky tamy azy lahilahy Njanahary iny ze baka a-Joda any ie, nanao hozao: "Hoy Yaveh hozao: 'Safe tsy nanenky ty safa i Yaveh iha sady tsy niemby ty lily ze namea Yaveh anao, ²²fa nimpoly noho nihinan-kany noho nino rano tamy toera ze nivolany Yaveh anao ao mba tsy hihina hany na hino rano, le tsy halevy amy ty lolo ty razambenao any ty vatanao.'" ²³Lafa baka hihinan-kany noho lafa baka nino ie, le nasia azy olo to-resaky iny lasely ty boriky lahilahy Njanahary iny, azy lahilahy ze nimpoly niaraky taminy iny. ²⁴Lafa nandeha lahilahy Njanahary iny, le nisy liona nitojiky taminy tan-dala eny sady namono azy, ka le nengà tan-dala eo ty fatiny. Bakeo notiky nitsanga tanila zay eo iny, sady ty liona avao koa ro nitsanga tanila faty iny eo. ²⁵Lafa nandalo teo ty olo ka le nahita faty tavela tan-dala eo iny, sady ty liona nitsanga tanila faty iny eo, le nandeha ndrozy sady nivola zay tamy ty tanà ze nipetsaha azy olo to-resaky antitsy iny. ²⁶Lafa re azy to-resaky ze nanday azy nimpoly tamy ty lala zay iny, le hoy ie hozao: "Lahilahy Njanahary ze tsy nanenky ty safa Yaveh rey zay. Laha zay le namea Yaveh ty liona ie, ze nanimbasimba azy noho namono azy, manahaky ty nampiembeny ty safa Yaveh azy." ²⁷ka le niresaky tamy anakilahiny azy to-resaky iny, nanao hozao: "Asio lasely ty borikoko," le nasian-drozy lasely zay. ²⁸Nandeha ie sady nahita faty tavela tan-dala eo iny, sady boriky noho liona nitsanga tanila faty eo iny. Tsy nihany liona iny faty iny, na nivonoany ampondra iny. ²⁹Nala azy to-resaky iny ty faty lahilahy Njanahary iny, nampirorony tamy boriky iny eo zay, sady nandesiny nimpoly. Niavy tamy ty tanàny any manoka ie mba hisaona noho handevy azy. ³⁰Nampirorony tamy ty lolony ao manoka faty iny, sady nisaona azy ndrozy, nanao hozao: "Vasa, rahalahiko e!" ³¹Lafa baka nandevy azy ndrozy, le niresaky tamy anakilahiny rey azy to-resaky antitsy iny, nanao hozao: "Lafa

maty zaho, le engao amy ty lolo ao ze nandevena ty lahilahy Njanahary iny. Ampandreo anila ty taolany eo ty taolako. ³²Safe ty hafatsy ze nambarany noho ty safa i Yaveh, tamy ty alitara ta Betela ao noho tamy tsano iaby rey amy ty toera abo any amy tanà i Samaria any, le hitsanga vatany."³³Tafara io le tsy niala tamy ty fomba ratiny i Jeroboama, fa mbo nanohy nanondro mpisoro baka amy ty karazan'olo ho amy ty toera anabo avao. Ze tehanompo le natokany ho mpisoro. ³⁴Nanjary fahota tamy ty longo i Jeroboama noho nahavy ty longony ho toro noho rava tanabo ty tany eto zay.

Chapter 14

¹Tamy fotoa zay le narary maré Abia anakilahy i Jeroboama. ²Hoy i Jeroboama tamy ty valiny hozao: "Mitsangana lahy sady manoloa endriky, mba tsy ho hay ty olo fa valiko iha, sady mandehana a-Silo any, fa any ro misy an'i Ahia to-resaky; ie azy niresaky ty mikasiky ahy iny, nivola fa hanjary mpanjaka olo rey zaho. ³Mandaisa mofolo, mofomamy kelikely, noho tantely tavoara raiky, sady mandehana amy i Ahia any. Hivola aminao ze hitsanga amy aja io ie."⁴Nanovy ty valy i Jeroboama zay; le nandeha ie sady nandeha nana Silo any, sady niavy tan-tsano i Ahia any. Sady tsy nahita i Ahia; tsy nahita sasy ie noho ty hahantitsiny. ⁵Hoy Yaveh tamy i Ahia hozao: "Ingo, ho avy aminao eto ty valy i Jeroboama mba hila hevitsy mikasiky ty anakilahiny, safe marary ie. Zao noho zao ty volano aminy, safe lafa avy ie, le somary hanao manahaky ty ampela hafa ie."⁶Lafa re i Ahia ty kosakosaky ty tombony lafa ie nilitsy varavara iny, le hoy ie hozao: "Mandrosoa, valy i Jeroboama. Nanino iha ro somary manao olo hafa? Nirahy hivola vaovao raty ho anao zaho. ⁷Mandehana, volano Jeroboama fa Yaveh, Njanaharin'Israely iny, ro nivola hozao: 'Nasondrotsiko tamin'olo iha mba hahavy anao ho mpitariky ty olo lakon'Israely. ⁸Nalako tamy ty longo i Davida eo ty fanjaka sady nameako anao zay, nefa iha tsy manahaky an'i Davida mpiasako Davida, ze niemby ty liliko sady nanaraky Ahy tamy ty fony iaby, mba tsy hanao hafa-tsy ty marina amasoko eo. ⁹Fa iha koa ro nanao raty, mandilatsy noho iaby taloha nao. Iha ro nanao njanahary hafa, nanao sarin-draha hitily mba hampeloky Ahy, sady nanary Ahy ho an-dabosinao ao. ¹⁰Laha zay, ingo, handay loza amy ty longonao Zaho; handrava ty aja lahilahy iaby a-Israely ao Zaho, ndra ty andevo ndra ty afaky, sady tsy hampisy tanteraky ty longonao, manahaky ty olo mandoro akata zisiky maharava zay.¹¹Ndra ia ndra ia ahy ty longonao ze maty amy ty tanà ao le ho hany ty alika rey, sady ndra ia ndra ia maty am-baibo any le hohany voro ty lanitsy rey safe Zaho, Yaveh ro fa nivola zay.' ¹²Ka le nitsanga, valy i Jeroboama sady mimpoly an-tsanonao any; lata militsy amy ty tanà ty tombonao ao, le ho maty i Abia.¹³Hisaona noho handrava azy ty Israely iaby. Ie avao ro raiky baka amy ty longo i Jeroboama halevy anay ty lolo ao, safe taminy ao raiky avao, baka amy ty an-tsano i Jeroboama ao, ro nahita raha soa tamaso Yaveh eo, Njanaharin'Israely iny.¹⁴Yaveh avao koa ro hanondrotsy mpanjakan'Israely raiky ze handrava ty longo i Jeroboama amy andro io. Androany andro zay, henany zao henany zao. ¹⁵Fa Yaveh ro hanafiky an'Israely manahaky ty volotara hozongozony ty rano, sady Ie hanombotsy an'Israely hiala amy tany soa ze nameany ty razamben-drozy io eo. Hampiparitaky androzy an-dafy ty ony i Efrata any Ie, safecnanao bao Aseraha ndrozy sady nampeloky an'Yaveh. ¹⁶Ie ro hiala an'Israely noho ty fahota i Jeroboama rey, fahota ze nanoviny rey, noho nitarihany an'Israely mba hanonta."¹⁷Le nitsanga ty valy i Jeroboama ka le nandeha, sady niavy ta Tirza ao. Laha niavy tam-baravara ty tsanony eo ie, le nimaty aja iny. ¹⁸Nandevy noho nisao azy ty Israely iaby, manahaky ty fa nivolany tamin-drozy manahaky ty safe Yaveh ze nambarany tamy ty alala ty Ahia mpiasany to-resaky.¹⁹Sady raha hafa mikasiky an'i Jeroboama rey, ty nikaramany aly noho nanjakany, le ingo, nisorata tamy ty boky ty tanatara ty mpanjakan'Israely ao rey. ²⁰Nanjaka ropolo roa amby tao Jeroboama sady nimaty niarakany tamy razambeny rey, sady Nadaba anakilahiny ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo.²¹Sady Rehoboama anaky i Solomona ro nanjaka ta Joda ao. Efapolo raiky amby tao Rehoboama ro nanjary mpanjaka, sady nanjaka folo fito amby tao ta Jerosalema ao ie, azy tanà ze nitinginy i Yaveh tamy ty fokon'isarely iaby iny hametsaha ty anarany. Ty anara ty reniny ro Nama azy Amonita iny. ²²Nanao ze raty tamaso Yaveh i Joda; nampiteraky fahasaron-tam-piaro ho Azy ty ota nanovin-drozy, mandilatsy noho ty raha iaby ze fa nanovy ty razamben-drozy.²³Fa ndrozy avao koa ro namboatsy toera abo ho ahy ty vatan-drozy, tsangam-bato, sady bao i Aseraha mameno ty vohitsy noho tambany hazo maintso. ²⁴Nisy koa lahilahy namarotsy vata tamy tany ao iny rey. Nanao fahativativa fanovy ty firenea ze niroasy i Yaveh rey tanila ty olo lakon'Israely eo ndrozy.²⁵Sady tamy faha limy ty tao nanjaka i Rehoboama mpanjaka ro niavy nanafiky an'i Jerosalema i Sisaka mpanjaka i Egipta. ²⁶Nalany iaby hanana tan-tsano Yaveh rey ao, noho hanana tan-tsano ty mpanjaka rey ao; Nalany iaby ty raha iaby; nalany avao koa ty fiaro volamena iaby ze namboary i Solomona rey.²⁷Nanao fiaro saba tamy ty toeran-drozy eo avao koa i Rehoboama Mpanjaka sady nampianky tan-tana ty mpifehy rey eo ty mpiemby, zey niamby ty varavara ty tsano ty mpanjaka. ²⁸Isaky ty nilitsy tan-tsano Yaveh ao ty mpanjaka, le nilanja ty mpiemby rey; sady nandesin-drozy nimpoly tamy ty tsano ty mpiemby ao.²⁹Sady raha hafa mikasiky an'i Rehoboama rey, noho ze nanoviny iaby, moa va tsy fa voasoratsy anay ty Boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao rey? ³⁰Nisy aly zisiky farany tamy i Rehoboama noho Jeroboama eo.³¹Ka le nimaty niarakany tamy razambeny rey i Rehoboama sady niarakany nalevy tamin-drozy tamy ty tanà i Davida ao. Ty anara ty reniny le i Nama azy Amonita iny. Abia anakilahiny ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 15

¹Tamy ty faha folo valo amby tao nanjaka i Jeroboama anakilahy i Nebata, le nanomboky nanjaka tamy i Joda eo i Abia. ²Nanapaky telo tao fa Jerosalema ao ie. Imaka ro anara ty reniny. Anak'ampela i Absaloma ie. ³Nandeha tamy ty fahota iaby ze nanovin-dreniny taloha ty fotoany ie; ty fony ro tsy mba voatoka ho an'Yaveh Njanahariny manahaky ty fo i Davida, razambeny. ⁴Ndra zay aza, noho ty amy i Davida, Yaveh Njanahariny ro nanome fanilo azy ta Jerosalema any tamy ty alala ty fampitsanganany ty anany hanolo azy mba hampatanjaky an'i Jerosalema. ⁵Nanovin-Janahary zay safe Davida ro nanao ty marina tamasony eo; tanay ty andro iaby niainany, tsy mba nivio tamy ze iaby nibekoany azy ie, lafa-tsy tamy ty raharaha Oria azy Hetita iny avao. ⁶Sady nisy aly tamy i Rehoboama noho Jerosalema eo tanay ty androm-piaina i Abia iaby. ⁷Ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Abia rey, ro ze nanoviny iaby, moa tsy fa voasoratsy amy ty Boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao va rey? Nisy aly tamy i Abia noho Jeroboama eo. ⁸Nimaty niaraky tamy razambeny rey i Abia, sady le nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida any ie. Asa anany ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo. ⁹Tamy ty tao faha ropolo nanjaka i Jeroboama mpanjaka ty Israely, ro nanomboky nanjaka tamy i Joda eo i Asa. ¹⁰Nanapaky tanay ty efaolo raiky amby tao ta Jerosalema ao ie. Imaka ro anara ty razany, azy anak'ampela i Absaloma iny. ¹¹Nanao ty marina tamaso Yaveh eo i Asa, manahaky ze nanovy i Davida razambeny. ¹²Niroahiny tsy ho an-tany ty lahilahy mpaheriloha amy ty fanompoan-tsampy sady nalany iaby sampy ze namboary ty razambeny rey. ¹³Nalany tamy ty maha-mpanjaka ampela azy koa i Maka, razany, safe ie namboatsy sampy mampangoritsy baka amy ty bao i Ashera. Nivangoa i Asa azy sampy mampangoritsy iny ka le nioroany tam-Baibon-driaky Kidrona any. ¹⁴Fa fipetsaha abo rey tisy mba nalà. Ndra zay aza, ty fo i Asa ro voatoka ho ahy Yaveh tanteraky tanay ty androny iaby. ¹⁵Nandesiny ho an-tsano Yaveh any ty raha ze voatoka ty babany, noho ty rahany ze voatoka vita tamy ty volafoty noho volamena, sady enta rey. ¹⁶Nisy aly tamy i Asa noho Basa mpanjaka ty Israely, tamy ty andron-drozy iaby. ¹⁷Nanao heriloha tamy i Joda i Basa mpanjaka ty Israely ka le nampitsanga an'i Rama, mba tsy hanengany ty olo hiala na hilitany amy ty tany i Asa mpanjaka i Joda ao. ¹⁸Sady le nalà i Asa ty volafoty noho ty volamena iaby sisa tamy efitsy fanajaria ao tamy ty tsano Yaveh ao, noho efitsy fanajaria ty lapa ty mpanjaka. Nanoviny tan-tana mpiasany rey eo sady nampanateriny ho an'i Beni-hadada anakilahy i Tabrimoma anakilahy i Heziona, mpanjaka i Syria, ze nipetsaky ta Damaskosy any zay. Hoy ie: ¹⁹"Engao hisy fifanenkea amiko noho aminao, manahaky ze nisy tamy ty babako noho ty reniko eo. Ingo, fa nampanesany volafoty noho volamena ho fanomeza ho ahy nao zaho. Ravao ty fanenkeanao noho Basa mpanjakan'Israely, mba nialany amiko." ²⁰Nijanany an'i Asa mpanjaka i Beni-hadada ka le nandefa mpifehy ty tafikiny rey, sady le nanafiky ty tanà ty Israely ndrozy. Nanafiky an'i Iona, Dana, Abelabeti-maka, sady ty Kinerota iaby, niaraky tamy ty tany i Naftaly iaby ndrozy. ²¹Sady lafa re i Bass zay le najanony ty fampitsanganany an'i Rama sady nimpoly ta Tirza any ie. ²²Sady le nanao fanambarà tamy i Joda iaby eo i Asa Mpanjaka. Tsy nisy ndra raiky afaky-niala. Nalan-drozy iaby ty vato noho ty hazo ty Rama ze namboara i Basa ty tanà rey. Sady le nampiasà i Asa Mpanjaka fiasa fanamboara zay mba hampitsangana an'i Geba i Benjamina noho Mizpa. ²³Ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Asa rey, ty heriny iaby, ze nanoviny iaby, tanà namboariny iaby rey. moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao va rey? Nefa tanay th androniterahany ro nanary tamy ty tombony ie. ²⁴Sady nimaty niaraky tamy ty razambeny rey i Asa ka le le nalevy niaraky tamin-drozy tamy ty tanà i Davida babany ao. I Josafata anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo azy. ²⁵Nadaba anakilahy i Jeroboama nanomboky nanjaka tamy ty Israely tamy ty faharoe tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda; nanjaka tamy ty Israely tanay ty roe tao ie. ²⁶Nanao ze raty tamaso Yaveh ie sady nandeha tamy ty lala-babany, noho tamy ty fahotany, ze nitarihany ty Israely hanota. ²⁷Basa anakilahy i Ahia, baka amy ty longon'Israely, niharo nanohitsy an'i Nadaba; nivono i Basa ta Gibetona ao, ze ahy ty Filistina rey ie, safe Nadaba noho ty Israely iaby nanao vava ta Gibetona any. ²⁸Tamy ty fao faha telo nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, le namono an'i Nadaba i Basa ka le lasa mpanjaka tamy ty toerany eo. ²⁹Laha vo nanjary mpanjaka ie, le nivono i Basa ty longo i Jeroboama iaby. Tsy nisy nengany ty ay ty tariha i Jeroboama; fomba zay ro nandravanany ty longo ty mpanjaka, manahaky ze nambara Yaveh tamy i Ahia Silonita mpiasahy, ³⁰noho ty fahota i Jeroboama ze nanoviny noho ty nitarihany ty Israely hanota, safe nanafaky ty heloky Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny ie. ³¹Ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Nedaba, noho ze nanoviny iaby, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka ty Israely ao va rey? ³²Nisy aly tamy i Asa noho Basa mpanjaka ty Israely tamy ty andron-drozy iaby. ³³Tamy ty faha telo tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, le nanomboky nanjaka tamy ty Israely iaby eo ta Tirza any i Basa anakilahy i Ahia sady nanjaka tanay ty ropolo efatsy amby tao ie. ³⁴Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie sady nanaraky ty fomba i Jeroboama noho ty fahotany ze nitarihany ty Israely hanota.

Chapter 16

¹Niavy tamy i Jeho anaky i Hanany ty safa i Yaveh hanohitsy an'i Basa, nanao hozao: ²"Ndra le fa nangalaky anao hiala amy ty lemboky aza zaho noho iha ho mpitariky amy Israely eo olo lakoko, le fa nanaraky ty fomba i Jeroboama iha sady nampanonta ty Israely olo lakoko, mba hampeloky ahy amy ty fahotan-drozy.³Ingo, haravako tanteraky i Basa noho ty longony sady hanao ty longonao hanahaky ty longo i Jeroboama anaky i Nebata zaho. ⁴Hohany ty alika ty olo i Basa ze maty an-tanà rey ao, sady voro ty lanitsy ro hihina ty olo ze maty am-baibo eny."⁵Ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Basa, ze nanoviny, noho ty heriny rey, moa va rey tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao rey? ⁶Nimaty niaraky tamy ty razambeny i Basa sady nalevy ta Tirza any, sady Elaha anany ro nanjary mpanjaka tamy ty fipetsabany eo.⁷Le niavy nanohitsy an'i Basa noho ty longony ty safa Yaveh tamy ty alala Jeho to-resaky ana i Hanany, noho ty raty iaby ze nanoviny tamaso Yaveh eo, mba hampeloky azy amy ty asa ty tanany, manahaky ty longo i Jeroboama, sady safe fa namono ty longo i Jeroboama iaby avao koa ie.⁸Tamy ty faha ropolo enin'amby tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, le nanomboky nanjaka tamy Israely eo ta Tizra any i Ela anaky i Basa; nanjaka tanay ty roe tao ie. ⁹Zimry mpiasany, kapiteny ty antsasaky ty kalesany, ro nitetiky hanohitsy azy. Sady ta Tizra any i Ela, nahamamo ty vatany tan-tsano i Arza ao, ze tamy ty longo i Tizra eo. ¹⁰Le nilitsy i Zimry, nanafaky noho namono azy, tamy th faha ropolo fito amby tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, ka le nanjary mpanjaka nisolo ty pilasiny,¹¹Lafa nanomboky nanjaka noho napetsaky tamy ty seza fipetrahany eo i Zimry, le namono ty longo i Basa iaby ie. Tsg nanenga lahilahy raiky tamy ty longn noho nama i Basa ho velo ie. ¹²Ka le narava i Zimry ty longo i Basa iaby, manahaky ty safa Yaveh ze nivolaniny hanohitsy an'i Basa tamy ty alala ty Jeho to-resaky, ¹³noho ty fahota i Basa iaby noho ty fahota i Ela anany ze nanovin-drozy, noho ty nitarihan-drozy ty Israely hanonta, mba ho nahafan-drozy niaritsy tamy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, mba ho meloky amy ty sampin-drozy.¹⁴Ty amy ty raha mikasiky an'i Ela rey, ze iaby nanoviny, moa va rey tsy fa voasoratsy tamy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely?¹⁵Tamy ty faha ropolo fito amby tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, le nanjaka ta Tirza any tanay ty fito andro avao i Zimry. Sady nipetsaky ta Gibetona ao, ze ahy ty Filistina ret ty tafiky. ¹⁶Tafiky nipetsaky tany rey ro naharé safa iny hozao: "Nimonomono i Zimry sady fa namono ty mpanjaka. "Ka le tamy andro zay tan-toby any, ty Israely iaby ro nanambara an'i Omry, ho mpifehy ty tafiky, ho mpanjaka amy ty Israely eo. ¹⁷Nandeha niakatsy baka a-Gibetona any i Omry noho Israely iaby niaraky taminy rey, sady nanao vava an'i Tirza ndrozy.¹⁸Lafa hita i Zimry fa azo ty tanà, le nilitsy tamy ty fiarova mahery ze niharo tamy ty lapa ty mpanjaka ao ie sady nandoro ty tsano taminy eo; tamy fomba zay ro nahafaty azy tanay afo ao. ¹⁹Zay ro noho ty fahota vita tamy ty fananova ze raty tamaso i Yaveh eo, tamy ty fanaraha ty fomba i Jeroboama nojo tamy ty fahota zefa nanoviny, mba hitariky ty Israely hanonta. ²⁰Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Zimry, noho fivaliha ze nanoviny, moa va tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tanatara ty mpanjakan'Israely ao rey?²¹Bakeo le nizara ho goropy roe ty olo lakon'Israely. Nanaraky an'i Tibny anaky i Ginata ty an-tsasaky ty olo lako, mba hanao azy ho mpanjaka, sady ty an-tsasaky nanaraky an'i Omry. ²²Fa nahery noho ty olo nanaraky lia an'i Tibny anaky i Ginata ty olo nanaraky lia an'i Omry. Ka le maty i Tibnia; sady nanjary mpanjaka i Omry.²³Nanomboky nanjaka tamy ty Israely eo tamy ty faha telopolo raiky amby tao nanjaka i Asa mpanjaka i Joda i Omry, sady nanjaka tanay ty folo roamby tao. Nanjaka ta Tirza any tanay ty enin-tao ie. ²⁴Niviliny tamy i Samera tamy ty talenta volafoty roe ty hahabo i Samaria. Namboatsy tanà tamy azy vohitsy iny eo ie sady nanao ty anara ty tanà hoe Samaria, manahaky ty anara i Samera, azy Tompo ty vohitsy taloha iny.²⁵Nanao ze raty tamaso Yaveh eo i Omry sady raty fanahy mandilatsy ze iaby talohany eo. ²⁶Fa nandeha tamy ty lala iaby an'i Jeroboama anaky i Nebata noho ty fahotany ze nitarihany ty Israely hanonta, mba hiaritsy an'Yaveh azy Njanaharin'Israely iny, mba heloky amy ty sampin-drozy ze tsy misy antony ie.²⁷Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky ze nanovy i Omry, noho ty hery ze natorony, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tanatara ao ty mpanjakan'Israely va rey? ²⁸Ka le nimaty niaraky tamy ty razany i Omry sady nalevy ta Samaria any sady Ahaba anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny.²⁹Tamy ty faha telopolo valo amby nanjaka i Asa mpanjaka i Joda, ro nanomboky nanjaka tamy ty Israely eo Ahaba anaky i Omry. Nanjaka tamy ty Israely eo ta Samaria ao tanay ty ropolo roa amby tao i Ahaba anaky i Omry. ³⁰Nanao ze raty tamaso Yaveh eo i Ahaba anaky i Omry, mandilatsy noho iaby ze talohany eo. ³¹Raha tsy nisy antony tamy i Ahaba ty nandeha tamy ty fahota i Jeroboama ana i Nebata, ka le nalany ho valiny i Jezebela anak'ampela i Etibala, mpanjaka ty Sidoniana; nandeha sady nanompo an'i Bala ie ka le nandohaliky taminy. ³²Namboatsy alitara ho ahy Bala tan-tsano i Bala ao ie, ze namboariny ta Samaria any. ³³Le namhoatsy baon'Aseraha i Ahaba. Mbo nanao mandilatsy noho zay aza i Ahaba mba hampeloky an'i Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, mandilatsy an'i mpanjakan'Israely iaby rey talohany eo.³⁴Tanay ty fandaïsa i Ahaba, le nampimpoly namboatsy an'i Jeriko i Hiela baka Betela any. Hiela ro nampipetsaky ty fototsy ty tanà tamy ty ay i Abirama, anakilahiny velohany; sady

Segoba, anakilahiny farahy; ro namono ty ainy laha namboarany ty vavahady ty tanà, manahaky ty safa Yaveh ze nivolaniny tamy i Josoa anajy i Nona.

Chapter 17

¹Elia azy Tsitoha iny, baka Tisba any Gileada any, nivola tamy iiAhaba hozo: "Laha mbo velo koa Yaveh, azy Njanahary ty Israely iny, ze itsanganako alohany eo, le tsy hisy ando na ora amy tao toy laha tsy mivola zay zaho."²Niavy tamy i Elia ty safa Yaveh, nanao hozo: ³"Miala eto sady mandehana manan-tinana; mivonia amy ty loham-baibon-driaky Kerita ao, an-tinana i Jordana. ⁴Sady hino ty rano baka amy ty loham-baibon-driaky ao iha, sady fa nibeko goaky rey zaho hamahana anao any."⁵Ka le nandeha i Elia sady nanao manahaky ze nibekoa ty safa Yaveh. Nandeha ie mba hipetsaky amy ty loham-baibon-driaky Kerita eo, antinana i Jordana. ⁶Nanday mofo noho hena ho azy goaky rey lafa maray sady mofo noho hena lafa hariva, sady nino tamy azy loham-baibon-driaky iny ie. ⁷Fa lafa afaky kelikely le ritsy loham-baibon-driaky iny safe tsy nisy ora tamy ty tany.⁸avy taminy ty safa Yaveh, mivola hozo: ⁹"Mitsangana, mandehana a-Zerefata any, ze ahy i Sidona, sady mipetsaha any. Ingo, fa nibeko mpandai-vata tany zaho mba hampihina anao."¹⁰Ka le nitsanga ie sady nandeha ta Zerefata any, sady lafa niavy tam-bavahady ty tanà eo ie le nisy mpanday vata raiky namory tapa-kazo eo. Le nikaiky azy ie sady nanao hozo: "Mba andaiso rano kelikely anay sihoa lahy zaho mba hafahako mino."¹¹Laha nandeha hangalaky rano ie le nikaiky azy ie, sady hoy ie: "Mba andaiso mofo raiky an-tananao eny lahy zaho."¹²Le namaly ie hozo: "Laha mbo velo koa Yaveh Njanaharinao, le tsy mana mofo zaho, fa hany atsiky tana anay sihoa noho menaky kelikely anay bokaly avao. Ingo, mamory tapa-kazo roe zaho mba hafahako militsy ao le miketsiky ho ahy noho ahy ty anako, mba hihinany zay, sady ho maty."¹³Hoasa Elia taminy: "Mba ka matahotsy. Mandehana sady anovo manahaky ze fa nivolaninao, nefa anovo mofo kelikely zaho aloha sady andeso miboaky amiko eto zay. Sady lafa vita zay le mananova ho ahy nao noho ho ahy ty anakinao."¹⁴Fa Yaveh, azy Njanahary ty Israely iny, mivola hozo: "Tsy ho rava ty sihoan-kany, na hijano hirotsaky ty bokaly ty menaky, zisiky hiavia ty andro handatsaha Yaveh ty ora an-tany eto."¹⁵Le nanao manahaky ze nivolany i Elia taminy ie. Ie noho Elia, niaraky tamy ty longony, le nihina tanay ty andro lako. ¹⁶Tsy rava ty sihoan-kany, na nijano nirotsaky ty bokaly ty menaky, manahaky ze fa nivolany ty safa Yaveh, manahaky ze voavolany tamy i Elia.¹⁷Tafara ty raha rey, le narary ty anaky ty ampela, ze tompo-tsano. Tena nahery maré vatany ty arety ka le tsy niay sasy ie. ¹⁸Ka le hoy ty reniny tamy i Elia: "Ino ro alanao amiko, lahilahin-Janahary e? Niavy amiko eto mba hampahatiaro any ty fahotako sady hamono ty anako va iha?"¹⁹namaly azy Elia hozo: "Ameo ahy ty anakilahinao." Nalany tamy ty sandriny azy aja lahilahy iny sady nandesiny niakatsy tamy ty efitsy ze nijanonany, sady nampirorony tamy ty firoroany eo azy aja iny. ²⁰Nikoraky tamy Yaveh ie sady nivola hozo: "Yaveh Njanahariko ô, moa va nanday loza tamy azy mpandaivata ze hijanonako iny eo avao koa Iha, tamy ty famonoa y anany?"²¹Bakeo le nanampatsy ty vatany in-telo tamy ty aja i Elia;nikoraky mare tamy Yaveh Ie sady nivola hozo: "Yaveh Ndranahare o, managataky aminao zaho, ampolio lahy ty ay ty aja toy."²²Nijanjy ty feon'Elia Yaveh; le nimpoly taminy ty ainy aja iny, le nivelo ndraiky ie. ²³Nalan'i Elia aja iny sady nandesiny niboaky tanetsy ty tranony tao; de nantorony ty reniny azy aja iny le hoasany: "Ingo, velo ty anako."²⁴Hoasa ampela iny tamy Elia: " Haiko fa lahilahin-Dranahare iha, sady ty safan'Yaveh ambavanao le to."

Chapter 18

¹Sady lafa afaky andro lako le niavy tamy i Eliabty safa y,tamy ty tao fahatelo ty hain-tany, nanao hozo: "Mandehana, miboaha amy i Ahaba le handefa ora amy ty tany Zaho." ²Nandeha niboaky tamy i Ahaba Elia; sady mahery ty mosary ta Samaria any.³Ahaba nikaiky an'i Obadia, ze niantoky ty lapa. Sady Obadia ro nanome voninahitsy an'Yaveh vatany, ⁴ka lafa namono olo to-resaky Yaveh rey Jezebela, le nangalaky olo to-resaky zato rey sady namony androzy isaky dimampolo tan-davabato ao sady namaha androzy tamy ty mofo noho rano i Obadia.⁵Sady hoasa Ahaba tamy i Obadia: "Mandehana mitetu ty tany zisiky amy ty loharano any noho Lohambaibon-driaky iaby rey. Fa mety hahita akata-maintso hameloma noho sovaly noho ty ampondra tsika, mba tsy hisy ho tsoho ty biby iaby." ⁶Ka le nifampizaràn-drozy ty tany mba handehanany amy zay sady ilany rano. Ahaba nandeha tamy ty lala raiky sady Obadia nandeha tamy ty lala hafa.⁷Laha mbo tan-dala eny Obadia, le tampoky nitojiky Elia ie. Obadia nahay azy ka le nampandohaliky ty tarehiny tamy ty tany. Hoy ie hozo: "Iha va toy, Elia tompoko e?" ⁸Elia namaly azy hozo: "Zaho toy. Mandehana volano ty tomponao hozo: 'Ingo, ato Elia.'" ⁹Le namaly Obadia hozo: "Ino ro fahotako, ro ameanao an-tana i Ahaba ro ty mpiasanao, mba hamonoany ahy?" ¹⁰Laha mbo velo koa Yaveh Njanaharinao, le tsy misy firenea na fanjaka ze tsy nandefasa ty tompoko ty olo hila anao. Ndra ombia ndrao mbia ro misy firenea ndra fanjaka mivola hozo: "Tsy ato Elia, le ampananovy i Ahaba fivolana hivolana fa tsy nahita anao ndrozy." ¹¹Nefa amy zao hoy iha: "Mandehana, volano ty tomponao fa aroa Elia." ¹²Vatany vo miala aminao zaho, ty fanahy i Yaveh handay anao amy ty toera tsy haiko any. Ka laha handeha zaho sady hivola amy i Ahaba, sady laha tsy hahita anao ie, le hovanony zaho. Kanefa zaho, mpiasanao, le nanompo an'Yaveh zisiky amy ty nahatanora ahy. ¹³Moa tsy nivolany taminao va, tompoko e, ze nanoviko lafa nivonoe i Jezebela ty olo to-resaky Yaveh, ty fomba namoniako ty olo to-resaky Yaveh zato ka le dimampolo iaby ro tanay lava-bato ao noho ty namahanako mofo noho rano androzy?" ¹⁴Hoy iha amiko amy zao: "Mandehana sady volano ty tomponao fa eto Elia, ka le hovanony zaho." ¹⁵Le namaly Elia hozo: "Laha mbo velo koa Yaveh Tompo ty lako, ze hitsanganako anilany eo, le hiboaky amy i Ahaba vatany zaho androany." ¹⁶Ka le nanjary Obadia nandeha mba hanenty an'i Ahaba, sady nivola taminy zecnivolany i Elia. Le nandeha namonjy tamy i Elia ty mpanjaka. ¹⁷Lafa nahita an'i Elia i Ahaba, le hoy ie taminy: "Iha va io? Iha azy raiky ze manday koronta ho an'Israely iny!" ¹⁸Le namaly Elia hozo: "Tsy nanday koronta ho an'Israely zaho, fa iha noho ty longo ty babanao ro olo nampisy koronta tamy ty alala ty fialanareo tamy ty lily Yaveh noho ty fanorihanareo an'i Bala." ¹⁹Ka le amy zao, mandefasa safa sady avorio amiko eto ty Israely iaby am-bohitsy i Karmela ao, miaraky amy ty olo to-resaky i Bala 450 noho olo to-resaky i Aseraha efajato ze nihina tan-databatsy i Jezegele eo rey." ²⁰Le nandefa safa tamy ty olo lako Israely any iaby noho namory niaraky to-resaky tam-bohitsy i Ahaba ao rey. ²¹Sady Elia namonjy ty olo lako iaby ka le nivola hozo: "Zisiky ombia iha ro hiova hevitsy zisiky any? Laha Yaveh ro Njanahary, le manoriha Azy. Fa laha i Bala ro Njanahary, le manoriha azy." Fa ty olo tsy namaly safa azy. ²²Le hoy i Elia tamy ty olo lako hozo: "Zaho, le zaho raiky avao, ro sisa to-resaky Yaveh, nefa ty olo to-resaky i Bala ro olo 450." ²³Ka le engao rey ro hanome aomby roe uo antsika. Engao ndrozy hitingy aomby raiky ho an-drozy noho handrasarasa zay, sady hampieny zay amy ty kata eo, nefa tsy handrehitsy afo ambany zay eo. Le hikarakara azy aomby raiky hafa iny zaho ka le hampipetsaky zay amy ty kata eo, sady tsy hanisy afo ambany zay eo. ²⁴Le hikaiky ty anara ty njanaharinareo nareo, sady zaho hikaiky ty anara Yaveh, sady ty Njanahary ze hamaly amy ty afo, le Engaho ie ro ho Njanahary." Ka le namaly ty olo iaby sady nivola uozao: "Mety zay." ²⁵Sady hoy i Elia tamy olo to-resaky i Bala iny: "Mitingina aomby raiky ho ahy nareo, sady homano aloha zay, fa olo lako nareo. Le kaiho ty anara ty njanaharinareo, nefa mba ka asia afo ambany ty aomby eo." ²⁶Le nangalaky ty aomby ze namea azy ndrozy sady nikarakara zay, le nikaiky ty anara i Bala zisiky maray any zisiky-hitatao-vovona ndrozy, nanao hozo: "Bala a, mijanjina anay." Nefa tsy nisy feo, ndra nisy namaly aza. Nisindraky niodidy ty alitara namboaran-drozy. ²⁷Lafa mitatao-vovona le mikizaky androzy i Elia nanao hozo: "Mikaiha maré avao! fa njanahary ie! vasa mbo mieritseritsy ie, ndra tsy mampisy dikany ty vatany, ndra nisy ty nandehanany, ndra vasa miroro ie ka le tokony nifohazy." ²⁸Fa mbo nikaiky maré avao ndrozy, sady nandrasa ty vatan-drozy, manahaky ty fanoviny san'andro miaraky amy ty meso-bevata noho lefo, zisiky-mam-pandao-lilo ty vatan-drozy. ²⁹Nanjary ty mitatao-vovona, le mbo nifaoky avao ie zisiky amy ty fotoa ty fanomezana hariva, nefa tsy nisy feo ndra nisy namaly aza; tsy nisy nijanjy ty fifonan-drozy. ³⁰Le hoasa i Elia tamy ty olo iaby: "Mamonjea amiko eto," le namonjy azy ty olo iaby. Le namboatsy ty alitara Yaveh ze rava tanteraky ie. ³¹Nangalaky vato folo roa amby Elia, ty vato kirai-draiky iaby ro maneho ty raiky amy ty foko ty anakilahy i Jokoba rey_azy Jakoba niavia ty safa i Yaveh iny, nanao hozo: "Israely ro ho anaranao." ³²Tamy vato rey ro namboarany ty alitara tamy ty anara Yaveh sady ie nandavaky haly kelikely miodidy ty alitara bevata tendriky voan-draha indroe ty famarana. ³³Nandahatsy ty kata ho ahy ty afo ie, nandrasa ty aomby, sady nampipetsaky aomby voarasa tamy ty kata eo rey. Hoy ie hozo: "Atseho rano ty sihoa

efatsy ka le araraho amy ty fanomeza oroa eo noho amy ty kata eo." ³⁴Le hoy ie: "Anovo fanindroeny zay," le nanovin-drozy fanindroeny zay. Le hoy ndraiky ie: "Anovo fanintelony zay," Le nanovin-drozy fanintelony. ³⁵Le niraraky niodidy ty alitara ty rano sady nanatsiky ty haly kelikely. ³⁶Nitsanga zay tamy ty fotoa ty fanomeza tamy ty soro amy ty hariva, sady Elia to-resaky ro namonjy mariny ka le nivola hozao: "Yaveh e, Njanahary i Abrahama, noho Isaka, sady Israely, engao ho hay eto henanikio fa Iha ro Njanahary amy Israely eto, sady zaho ro mpiasanao, sady nanao raha iaby zao manahaky ty safanao zaho. ³⁷Mijanjina ahy, Yaveh e, mijanjina ahy, mba hahaza olo reto fa Iha, Yaveh, le Njanahary, sady Iha ro mampitoliky ty fon-drozy taminao ndraiky." ³⁸Sady ty afo Yaveh nilatsaky ka le nandrava ty fanomeza oroa, sady koa ty kata, vato rey, sady ty lemboky, sady tanay ty rano ze tamy ty haly kelikely ao. ³⁹Lafa nahita zay ty olo iaby, le nampiondriky ty tarehiny tamy ty tany eo sady nivola hozao: "Yaveh, Ie ro Njanahary! Yaveh, Ie ro Njanahary!" ⁴⁰Ka le hoy i Elia tamin-drozy: "Samboro olo to-resaky i Bala rey. Mba ka enga hisy hilay ndrozy ndra raiky aza." Ka le nisambory ndrozy, sady i Elia nanday olo to-resaky i Bala rey nijotso tamy ty loham-baibon-driaky Kisona any sady namono an-drozy tany. ⁴¹Hoy i Elia tamy i Ahaba: "Mitsangana, mihinana sady minoma, fa zay misy feo ty ora-bey." ⁴²Ka le niakatsy mba hihina noho hino i Ahaba. Le niakatsy tam-po i Karmela eo i Elia, niondriky tamy ty tany eo ie, sady nampipetsaky ty tarehiny tanivo ty ongony eo. ⁴³Sady hoy ie tamy ty mpiasany: "Miakara amy zao, ka le mijilo amy ty riaky eny." Le niakatsy ty mpiasany ma and nijilo sady nanao hozao: "Tsy misy ndra ino ndra ino." Ka le hoy ndraiky i Elia: "Mandehana ndraiky, impito." ⁴⁴Sady lafa fanimpitony le hoy ty mpiasany: "Ingo, misy raho miakatsy baka amy ty riaky, kely manahaky ty tanan'olo." Le namaly i Elia hozao: "Miakara ka le volano amy i Ahaba hozao: 'Anovo vonona ty kalesanao ka le mijotso aloha ty hangala ty ora anao'" ⁴⁵Sady tsielatsiela avao laha niha-mainty ty raho noho tsioky ty lanitsy, le nisy ora-bevata. Sady i Ahaba niondra kalesa ka le niakatsy nana Jezirela any, ⁴⁶fa ty tana Yaveh ro nitahy an'i Ahaba. Nisiky ty akanjony tamy ty santirany eo ie sady nilay taloha i Ahaba eo tamy ty filira mana Jezirela eo ao.

Chapter 19

¹Nivolany i Ahaba tamy i Jezebela iaby ze iaby nanovy i Elia noho ty namonoany ty olo to-resaky iaby rey tamy ty meso-bey. ²Sady Jezebela nandefa mpanday hafatsy tamy i Elia any, nivola hozo: "Hanovy njanahary rey amiko lahy zay, eka mandilatsy zay aza, laha tsy hanoviko hanahaky ty ay ty raiky tamy olo to-resaky ze maty rey ty ainao hamaray amy ty ora manahaky zao." ³Lafa re i Elia zay, le nitsanga ie ka le nanjary nilay namonjy ty ainy sady nana Beri-sheba any, ze an'i Joda, sady nengany teo ty mpiasany. ⁴Fa ie nandeha lala ndraiky andro ta ambaliky any, ro niavy sady nipetsaky tambany hazo kifafambohitsy eo. Nangataky ty ho maty ie, ka le nanao hozo: "Ampy zay, amy zao, Yaveh e; alao ty aiko, safe tsy soa noho ty razambeko zaho." ⁵Ka le niroro nitsilany tambany ty kifafambohitsy eo ie. Tampoky eo le nisy anjely nikasiky azy ka le nivola taminy hozo: "Mifohaza sady mihinana." ⁶Nanenty i Elia, sady tanila ty lohany eo ro nisy mofo voahendry tamy ty vato mafana noho ty rano raiky daba. Sady nihina noho nino ie ka le niroro nitsilany ndraiky. ⁷Niavy fanindroeny ndraiky azy anjely Yaveh iny, ka le nikasiky azy sady nivola hozo: "Miarena sady mihinana, safe ho lava aminao ty lia." ⁸Ka le nitsanga ie sady nihinana noho nino, sady nandeha tamy ty hery azony tamy ty hany zay tanay ty efapolo andro noho efapolo haly ho a-Hereba any, azy vohitsy Njanahary iny. ⁹Nandeha tamy ty zehy raiky tany ie sady nipetsaky tamy zay ao. Le niavy taminy ty safa Yaveh sady nivola taminy hozo: "Ino ro anovinao ato, Elia e?" ¹⁰Elia namaly hozo: "Bey zotom-po ho ahy Yaveh, Njanahary tompo ty lako zaho, safe fa nahafoy ty fanenkeanao ty olon'Israely, nandrava alitaranao rey, sady namono ty to-resakinao rey tamy ty meso bey. Amy zao zaho, le zaho raiky, ro sisa tavela sady mitetiky ty hifofo ty aiko koa ndrozy." ¹¹Yaveh namaly hozo: "Mivoaha ka le mitsangana amy ty vohitsy eo alohako eo." Sady nandalo Yaveh, ka le nisy tsioky mahery nanimba vohitsy sady namaky ty lafiam-bato rey ho torotoro tanila Yaveh eo, nefa tsy ao anay ty tsioky Yaveh. Sady tafara ty tsioky, le nisy horohoron-tany niavy, kanefa tsy tanay ty horohoron-tany Yaveh. ¹²Sady tafara ty horohoron-tany le niavy ty afo, nefa tsy tanay ty afo ao Yaveh. Sady tafara ty afo, le nisy feo malemy niavy. ¹³Lafa re i Elia feo iny, le nitakonany tamy ty siky ty tarehiny, niboaky ie, sady nitsanga tamy ty filira zehy iny eo. Sady nisy feo niavy taminy nanao hozo: "Ino ro anovinao eto, ¹⁴Elia e?" Elia namaly hozo: "Bey zotom-po ho an'Yaveh, Njanahary tompo ty lako zaho, fa ty olon'Israely nahafoy ty fanenkeanao, nandrava alitaranao rey, sady namono olo to-resakinao rey tamy ty meso-bey. Amy zao, zaho ro zaho raiky, ro sisa tavela sady mitetiky ty hifofo ty aiko koa ndrozy." ¹⁵Sady Yaveh nivola taminy hozo: "Mandehana, mimpoly amy ty lalanao ho ambaliky i Damaskosy any, sady lafa niavy any iha le hanosotsy an'i Hazaela ho mpanjaka i Syria, ¹⁶sady iha hanosotsy an'i Jeho anakilahy i Nimsy ho mpanjaka ty Israely, sady iha hanosotsy an'i Elia anakilahy i Safata baka Abela-mehola any ho to-resaky hanolo ty pilasinao." ¹⁷Sady amy zay hovonoa i Jeho ze iaby tafalay tamy ty meso-bey i Hazaela, hovonoa i Elisa ze iaby tafalay amy ty meso-bevata i Jeho. ¹⁸Nefa Zaho hanega ty olo fito arivo ho ahy a-Israely any, ze nandohaliky ka le tsy niondriky tamy ty Bala rey, noho vava ze tsy mbo nanoroky azy rey." ¹⁹Ka le niala teo i Elia sady nahita an'i Elisa anakilahy i Safata, ze niasa niaraky tamy ty ziogan'aomby folo roa amby alohany, sady ie vatany avao ro niasa niaraky tamy ty zioga faha-folo roa amby. Nanapaky nana amy i Elisa eo i Elia ka le nampisaro ty sikiny taminy. ²⁰Bakeo le niala aombiny rey i Elisa ka le nilay nania an'i Elia; hoy ie: "Engao lahy zaho hanoroky ty babako noho ty reniko, sady hanoriky anao zaho bakeo." Le hoasa i Elia taminy: "Sady mimpolia, nefa diniho ze fa nanoviko taminao." ²¹Ka le nimpoly baka amy i Elia any i Elisa sady nangalaky ty ziogan'aomby, namono biby rey, sady niketsiky ty hena tamy ty hazo ziogan'aomby. Le nameany ty olo zay ka le nihina ndrozy. Bakeo le nitsanga ie, nanaraky an'i Elia sady nanompo azy.

Chapter 20

¹Namory ty tafikiny hiharo i Beni-hadada mpanjaka i Syria. Nisy mpanjaka kelikely telopolo roa amby niaraky taminy, sady sovaly noho kalesa. Niakatsy ie, nanao vava an'i Samaria noho nialy nanohitsy zay. ²Nandefa iraky nana amy ty tanà ho an'i Ahaba mpanjakan'Israely any ie, ka le nivola taminy hozo: "Zao ro nivolany i Beni-hadada hozo: ³Ty volafotinao noho ty volamenao ro ahy. Valinao rey noho ty anakinao avao koa, soa bibiky rey, le ahy amy zao." ⁴Namaly ty mpanjakan'Israely ka le nanao hozo: "Ho tanteraky manahaky ty safanao zay, mpanjaka e, tompoko. Zaho noho ze iaby hananako le anao." ⁵Niavy iraky rey ndraiky ka le nanao hozo: "Nandefa safa taminao zaho fa volamenao, valinao rey, sady anakinao rey ho ahy." ⁶Nefa haniraky ty mpiasako rey aminao any zaho hamaray amy ty ora manahaky zao, sady nila ty tsanonao noho ty tsano ty mpiasanao tprey ndrozy. Hanambotsy amy ty tanany ndrozy ka le hangalaky ze soa iaby ty mason-drozy." ⁷Sady nikaiky olo bey ty iaby niaraky rey ka le nanao hozo: "Mba rambeso an-tsoratsy ka le henteo ty fomba hilà ty lahilahy toy olo. Fa nandefa safa tamiko is mba hangalaky valiko rey, anako rey, sady ty volafotiko noho volamenako, sady tsy mbo nandà azy zaho." ⁸Olo bey iaby rey nivola tamy i Ahaba hozo: "Mba ka mijanjy azy na manenky ze fangatahany." ⁹Le hoasa i Ahaba tamy ty hiraky i Beni-hadada rey hozo: "Volano ty mpanjaka tompoko hozo: "Manenky ty raha iaby ze nanirahanao ty mpiasanao hanovy tamy velohany zaho, nefa tsy afaky hanenky ty fangataha faharoe toy zaho." ¹⁰Ka le nanjary hiraky rey sady nanday valin-tsafa zay tamy i Beni-hadada eo. Le nandefa ty valin-tsafany ho an'i Ahaba i Beni-hadada, ka le nanao hozo: "Enga anie njanahary rey hanao zay amiko sady mandilatsy aza, laha ho ampy hanana mameno ty tana baka amy ty lavenoky i Samaria ty olo lako iaby ze manaraky ahy rey." ¹¹Namaly ty mpanjakan'Israely ka le nanao hozo: "Volano i Beni-hadada hozo: "Tsy misy olo mampipetsaky ty fialiany, ka le tokony hirengirengy ho amy ty nangalany zay." ¹²Le naharé hafatsy zay i Beni-hadada laha nino ie, le ie noho ty mpanjaka ambaniny ze tanay ty lain-drozy ao. Beni-hadada nibeko ty lahilahiny rey hoe: "Milahara ho amy ty aly nareo." Le nanoma ty safan-drozy ho amy ty aly ndrozy mba hamango ty tanà. ¹³Sady ingo, nisy olo to-resaky niavy tamy i Ahaba mpanjakan'Israely eo ka le nanao hozo: "Hoy Yaveh: 'Fa hitanao va tafiky bevata toy? Ingo, hampipetsaky zay an-tananao eo zaho henanikio, sady ho hainao vatany fa Zaho ro Yaveh." ¹⁴I Ahaba namaly hozo: "Amy ty alalan'ia?" Le namaly Yaveh ka le nanao hozo: "Amy ty alala tanora manam-pahefa ze manompo governora ty distriky rey." Ro nanao hozo: "Ia ro hanomboky ty aly?" Yaveh namaly hozo: "Iha." ¹⁵Le nampiharo tanora manam-pahefa ze nanompo ty komandy ty hisaky ty goropiny rey i Ahaba. Nihisa 232 nerozy. Tafaran-drozy le nampiharo maramila iaby rey ie; ty tafiky Israely iaby; nihisa fito arivo. ¹⁶Niboaky tamy ty mitatao vovona ndrozy, Beni-hadada ro fa baka nino sady nahamamo ty vatany tan-dainy ao, ie noho mpanjaka kelikely telopolo roa amby ze nanoha azy rey. ¹⁷Tanora manam-pahefa ze nanompo ty komandy ty hisaky goropiny rey ro nandroso taloha. Le nampahaiziny tily ze nirahiny reh i Beni-hadada hozo: "Misy lahilahy miboaky baka Samaria ao." ¹⁸Hoy i Beni-hadada hozo: "Ndra tamy ty filamina ndra tamy ty aly ro niboahan-drozy, le samboro velo ndrozy." ¹⁹Le niboaky ty tanà tanora manam-pahefa ze nanompo ty governora ty hisaky ty goropiny rey sady nanaraky androzy ty tafiky. ²⁰Namono ty fahavalony iaby ndrozy ka le nilay Syria rey. Nania androzy ty Israely. Beni-hadada mpanjaka i Syria koa niala tamy ty sovaly niaraky tamy ty mpiondra sovaly sasany. ²¹Sady niboaky ty mpanjakan'Israely ka le nanafiky sovaly noho kalesa rey, sady namono Syria rey tamy ty famonoa bevata. ²²Le namonjy ty mpanjakan'Israely ty olo to-resaky ka le nivola taminy hozo: "Mandehana, ampaherezo ty vatanao, ka le takaro noho omano ze anovinao, safe amy ty herin-tao ro hiakatsy hanohitsy anao ndraiky ty mpanjaka i Syria." ²³Mpiasa ty mpanjaka ty Syria rey nivola taminy hozo: "Ty njanaharin-drozy ro njanahary ty vohitsy. Zay ro dikany nampatanjaky androzy noho tsika. Fa zao koa handeha tsika hialy amin-drozy amy ty mando eny, sady ho azo antoky fa hahery noho ndrozy tsika." ²⁴Laha zay le zao ro tsy maintsy anovinao: alao amy ty pilasy ty fahefany eo ty mpanjaka iaby ka le solo mpifehy maramila ndrozy rey. ²⁵Mampitsanga tafiky manahaky ty tafiky maty eo—sovaly solo ty sovaly sady kalesa solo ty kalesa—mba hafahan-tsika mialy amin-drozy amy ty mando eny. Le ho azo antoky fa hahery noho ndrozy tsika." Le nijanjy ty torohevitsin-drozy i Beni-hadada sady nanao ze natoron-drozy. ²⁶Tafara ty fanomboha ty faom-baovao, le nampiharo Syria na rey i Beni-hadada ka and niakatsy hoa Afeka any mba hialy amy Israely. ²⁷Navory ty olo lakon'Israely rey sady nantofany mba hialy amin-drozy. Nipetsaky talohan-drozy eo manahaky ty aosy kely roe Toko ty olo lakon'Israely, nefa Syria na rey nampitsanaky tany. ²⁸Le namonjy mariny ty lahilahin-janahary raiky ka le nivola tamy ty mpanjaka ty Israely hozo: "Hoy Yaveh hozo: 'Safe Syria na rey fa nivola fa Yaveh ro njanahary ty vohitsy, fa tsy mba njanahary ty loham-baibo, le hapetsako an-tananao eo ty tafiky bevata toy, sady ho hainao fa Zaho ro Yaveh." ²⁹Le nipetsaky nifanandrify tafiky rey tanay ty fito andro. Sady nanomboky ty aly tamy ty andro fahafito. Namono Syria mpandeha an-tomboky 100.000 ty olo lakon'Israely tanay ty ndraiky andro. ³⁰Ty sisa niala ta Afeka, tamy ty tanà ao, sady nilavo tamy ty lahilahy fito arivo rey noho roa aly ze tavela ty vala. Niala i

Beni-hadada ka le nana amy ty tanà any, tanay efitsano raiky.³¹Nivola taminy mpiasa i Beni-hadada rey hozao: "Ingo amizao, renay fa mpanjaka ty anak'Israely rey ro mpanjaka mpamalo fo. Mba engao lahy zahay hisalotsy siky fisaona amy ty valahanay noho taly amy ty lohanay eo, sady hiboaky ho amy ty mpanjakan'Israely any. Mety hamalo fo aminao vasa ie." ³²Ka le nisalotsy siky fisaona tam-balahany eny ndrozy noho taly tan-dohan-drozy eny sady bakeo nana amy ty mpanjakan'Israely any ka le nanao hozao: " Beni-hadada mpiasanao nivola hozao: 'Mba engao lahy zaho ho velo.'" Hoasa i Ahaba hozao: "Mbo velo va ie? Rahalahiko ie."³³Sady nijanjy ze ho famantara baka amy i Ahaba ty lahilahy rey, ka le namaly azy malaky ndrozy hozao: "Eka, Beni-hadada rahalahinao ro velo." Sady hoasa i Ahaba hozao: "Mandehana sady andeso ie." Bakeo le niavy taminy eo i Beni-hadada, sady tafakatsy tamy i Ahaba any tamy ty kalesany ie. ³⁴Beni-hadada nivola tamy i Ahaba hozao: "Ampoliko aminao tanà ze nalà ty babako rey tamy ty babanao, sady afaky manao fivarota ho ahy nao a-Damaskosy any iha, manahaky ty nanovy ty babako ta Samaria any." Namaly i Ahaba hozao: "Engako handeha miarakany amy fifanen-keandongo toy iha." Ka le nanao fifanenkean-dongo taminy i Ahaba sady bakeo nanenga azy handeha. ³⁵Nisy lahilahy raiky, raiky tamy anakilahy to-resaky rey, nivola tamy ty raiky tamy ty olo to-resaky namany rey tamy ty safa Yaveh hozao: "Mba vangó zaho." Safe nandà ty hamango azy lahilahy iny. ³⁶Le nivola tamy olo to-resaky namany iny olo to-resaky iny hozao: "Safe iha tsy nanenky ty feo i Yaveh, ka laha vo miala ahy iha, le hisy liona hamono anao." Laha vo niala azy lahilahy iny, le nisy liona nisarombaky taminy ka le namono azy. ³⁷Bakeo le nahita lahilahy hafa raiky ndraiky olo to-resaky iny sady nivola hozao: "Mba vangò zaho." Ka le namango azy lahilahy iny sady nandratsy azy. ³⁸Le niala olo to-resaky iny sady nandiny ty mpanjaka tamy sisylala eo; nanova ty endrikinany tamy ty fehy tamy ty masony eo ie. ³⁹Laha nandalo ty mpanjaka iny. le nikaiky maré ty mpanjaka azy to-resaky iny sady nivola hozao: "Niboaky ho anay ty aly mandevy any ty mpiasanao, sady maramila raiky ro nanaka noho nanday fahavalo ho ahy ka le nivola hozao: 'Hentao lahilahy toy. Laha tsy hita amy ty fomba iaby ie, le ty ainao ro hamea ho solo ty ainy, ndra laha tsy zay le handoa talenta volafoty iha.'" ⁴⁰Nefa safe ty mpiasanao ro mbo mipitiky tamy ty fandehana teto noho teroa, le niala azy maramila fahavalo iny." Bakeo le nivola taminy ty mpanjakan'Israely hozao: "Zao ro ho sazinao---ty vatanao zao mihintsy ro fa nanapa-kevitsy zay."⁴¹Le nalaky nangalaky ty fototsy tamy ty masony eny olo to-resaky iny, sady hay ty mpanjakan'Israely fa raiky tamy ty olo to-resaky iny ie. ⁴²Hoy olo to-resaky iny tamy ty mpanjaka hozao: "Yaveh mivola hozao: 'Safe fa nenganao handeha baka an-tananao eo azy lahilahy ze nibekoako ho maty iny, le ainao ro hanolo pilasy ty ainy, sady ty olo lakonao ho solo ty olo lakony.'" ⁴³Ka le laginy noho neloky maré ty mpanjakan'Israely nana an-tsanony any, sady niavy ta Samaria any.

Chapter 21

¹Fotoa tsy ampy tafara tato, nana tanim-boloboky ta Jezirela ao i Nabota azy Hezirelita iny, tanila ty lapa i Ahaba eo, mpanjaka i Samaria. ²Niresaky tamy i Nebota i Ahaba nanao hozo: "Ameo ahy ty tanim-bolobokinao, mba ho zariday legiomako zay, safe mariny ty tsanoko. Ho takalo zay, hameako tanim-boloboky soaso va tany iha, na raha teanao, le hameako jala sahaza zay iha." ³Nabota namaly an'i Ahaba hozo: "Ho rarà Yaveh lahy ze tokony lova ty razambeko rey ameako anao." ⁴Ka le nandeha tamy ty lapany ao tan-keloky sady halaginy i Ahaba noho ty valin-tsafa namea i Nabota azy Jezirelita azy iny hozo: "Tsy hameako anao ty lova ty razambeko rey." Niroro nitsilany tan-kitsely so ie, niodidy ty tarehiny, sad6 tsy nety nihin-kany ie. ⁵Valiny Jezebel nana aminy ao sady nivola taminy hozo: "Nanino ro malahelo maré ty fonao, zay va ro tsy nihinananao hany?" ⁶Namaly azy ie hozo: "Niresaky tamy i Nabota azy Jezebel iny zaho sady nivola taminy hozo: "Ameo ahy ty tanim-bolobokinao atakaloko jala, ndre raha teanao le hameako tanim-boloboky hafa ho anao iha." Sady namaly ahy ie hozo: "Tsy hameako anao ty tanim-bolobokiko." ⁷Sady valiny Jezebel namaly azy hozo: "Fa tsy mbo manapaky ty fanjakà ty Israely va sa Iha? Mitsangana sady mihinana; engao ho faly ty fonao. Ho alako ho ahy nao ty tanim-boloboky i Nabota azy Jezirelita iny." ⁸Sady Jezebel nanoratsy taratasy amy ty anara i Ahaba, nitombohiny tamy ty tampôny zay, sady nalefany tamy ty olo bey rey any noho mpanarivo ze nipetsaky niaraky taminy rey tamy ty fitojeha ao, sady ze nipetsaky mariny i Nabota rey zay. ⁹Nisoratany tamy ty taratasy hozo: "Manambarà fifalian-kany sady apetsaho anabo ty olo lako i Nabota." ¹⁰Mametsaha avao koa olo tsy marina rie miaraky aminy rey ka le engao ndrozy hahazo azy hozo: "Nanazo an-Janahary noho ty mpanjaka iha." ¹¹Sady aboaho ie ka le toraho vato ho maty. ¹²Ka le nanao ze nisoritsirita tamin-drozy i Jezebel, manahaky ty voasoratsy amy ty taratasy ze nalefany ho androzy ao ty lahilahy ty tanàny, olo bey rey noho ty mpanarivo ze nipetsaky tamy ty tanà i Nebota ao. ¹³Nanambara fifalian-kany noho nampipetsaky an'i Nabota tanabo ty olo lako eo ndrozy. ¹⁴Nilitsy lahilahy tsy marina roe rey sady nipetsaky taloha i Nebota eo; nahazo an'i Nebota tamy ty famonjea ty olo lako eo ndrozy, ka le nanao hozo: "Nanazo an-Janahary noho ty mpanjaka i Nebota." Sady le nandesin-drozy niboaky tana ie ka le nitiraha-vato ho maty. ¹⁵Bakeo olo bey rey le nandefa safa tamy i Jezebel any nanao hozo: "Nitoraha-vato i Nebota ka le nimaty." ¹⁶Sady lafa ré i Hezebel fa nitoraha-vato i Nabota ka le maty, le hoy ie tamy i Ahaba: "Mitsangana sady alao ho hanana ty tanim-boloboky i Nabota azy Jezirelita iny, ze nandà ty hanome anao ty jala ho azy, safe fa tsy velo sasy i Nabota, fa maty." ¹⁷Lafa ré i Ahaba fa maty i Nabota, le nitsanga ie sady nijotso tamy ty tanim-boloboky i Nabota any Jezirelita any sady nangalaky zay ho hanana. ¹⁸Sady niavy tamy i Elia azy Tisbita iny ty safa Yaveh manao hozo: ¹⁹"Mitsangana sady mandehana mamonjy amy i Ahaba mpanjakan'Israely, ze mipetsaky a-Samaria any. Amy ty tanim-boloboky i Nabota ao ie, amy ze nandehany any mba halany ho hanana." ²⁰Tsy maintsy miresaky aminy iha sady volano hoe zao ro volany Yaveh: "Sady fa namono va iha ro mbo nangalaky ho fananao avao koa?" Sady hovolana azy hoe zao ro volany Yaveh: "Amy ty toera ze nilelafy ty alika eo ty lio i Nabota, ro hilelafa ty alika ty lionao koa, eka, ty lionao." ²¹Hoasa i Ahaba tamy i Elia: "Fa nahita ahy va iha, fahavaloko e?" le namaly i Elia hozo: "Fa hitako iha, safe fa namarotsy ty vatanao mba hanao ze raty tamaso Yaveh eo iha." ²²Zao ro volany Yaveh aminao: "Ingo, handay loza aminao eo noho hanimba tanteraky sady hanombotsy aminao eo ty anakilahy iaby noho ty andevo sady ty lahilahy afaky a-Israely ao Zaho." ²³Hanoviko manahaky ty longo i Jerosalema anakilahy i Nebota ty longonao, sady manahaky ty longo i Basa anakilahy i Ahia, safe niantoky Ahy tamy ty heloky sady nanday ty Israely hanota iha. ²⁴Yaveh avao koa niresaky ty mikasiky i Jezebel hozo: "Hihinana an'i Jezebel anila ty vala i Jezebel eo ty alika." ²⁵Ze an'i Ahaba iaby ka le maty tan-tanà ao, le hohany ty alika; sady voro amy ty lanitsy eny rey hihina ze iaby maty am-baibo eny." ²⁶Tsy nisy manahaky an'i Ahaba, ze namarotsy ty vatany mba hanao ze raty tamaso Yaveh eo, ze nampirisihiy i Jezebel valiny hanonta. ²⁷Nanao asa tivativa ho ahy ty sampy arahiny i Ahaba, manahaky ze iaby fa nanovy Hamorita rey, ze nalà Yaveh tanila ty olon'Israely rey eo. ²⁸Lafa ré i Ahaba safa rey, le nanataky ty sikiny ie sady nanao siky fisaona ka le nifaly hany, sady niroro tamy ty siky fisaona noho tena nalahelo maré. ²⁹Sady avy tamy i Elia azy Tisbita ty safan'Yaveh hozo: ³⁰"Hitanao va ty fanetse-tena i Ahaba anilako eto? Safe mampijotso ty vatany anilako eto ie, le tsy handay ty loza fa ho avy amy androny rey Zaho; amy ty andro ty anakilahiny ro handaisako loza amy ty longony eo."

Chapter 22

¹Fa tanay ty telo tao ro tsy nisy aly tamy i Arama noho i Israely. ²Sady tamy ty faha telo tao, le nilitsy tamy ty mpanjakan'Israely any i Josafata mpanjaka i Joda. ³Sady ty mpanjakan'Israely ro fa nivola tamy ty mpiasany hozo: "Mba hainareo va fa Ramota-gileada ro ahintsika, fe tsy manao ndra ino ndra ino tsika mba hangala zay an-tana i mpanjaka i Arama eo?" ⁴Le hoy ie tamy i Josafata: "Hiaraka amiko hialy a-Ramota-gileada any va iha?" Josafata namaly ty mpanjakan'Israely hozo: "Zaho ro nanahaky anao, ty olo lakoko ro hanahaky ty olo lakonao, sady sovaliko rey ro manahaky ty sovalinao rey." ⁵Hoasa Josafata tamy ty Mpanjakan'Israely hozo: "Milà lahy tariky-lala baka amy ty safa Yaveh ty amy ze tokony hanovinao velohany." ⁶Le nampivory ty to-resaky niaraky ty mpanjakan'Israely rey, lahilahy efajato, sady volano ndrozy hozo: "Tokony ho a-Ramota-gileada any va zaho mba hialy, sa tsy tokony hialy?" Le hoasa ndrozy hozo: "Manafiha, fa ty Tompo hanome zay ho an-tana ty mpanjaka eo." ⁷Fa hoasa i Josafata hozo: "Tsy misy olo to-resakin-Janahary hafa ze mety hazahoantsika hevitsy sasy va eto?" ⁸Le hoasa ty mpanjakan'Israely tamy i Josafata hozo: "Mbo misy lahilahy raiky ze mety hazahoantsika hevitsy baka amy Yaveh mba ho fanampea, Mikaia anakilahy i Jimia, fe halako ie safe tsy mba to-resakiny raha soa mikasiky ahy, fa loza avao." Fa hoasa i Josafata hozo: "Tsy hivola zay lahy ty mpanjaka." ⁹Le nikaiky manam-pahefa raiky ty mpanjaka i Israely sady nanome beko hozo: "Andeso atoy i Mikaia anakilahy i Imla, henany zao henany zao." ¹⁰Sady i Ahaba mpanjakan'Israely noho i Josafata mpanjaka i Joda ro samby nipetsaky tamy ty seza fipetsaha iaby, nisiky ty sakin-drozy, tamy ty toera malalaky eo tamy ty filira ty vavahady i Samaria eo, sady to-resaky iaby rey ro to-resaky talohan-drozy eo. ¹¹Zedekia anakilahy i Kenana vatany ro nanao tsifa vy sady nivola hozo: "Zao ro volany Yaveh: 'Amy reto ro handisananao ty Syria zisiky-handravany.'" ¹²Sady ty to-resaky iaby to-resaky nitovy, nanao hozo: "Ampisikino Ramota-gileada ka le mahazo fandrese, fa Yaveh fa nanome azy ho an-tana ty mpanjaka eo." ¹³Ty mpanday hafatsy ze nandeha nikaiky an'i Mikaia nivola taminy, nanao hozo: "Ingo amy zao, ty safa ty to-resaky rey ro nanambara raha soa ho ahy ty mpanjaka tamy ty vava raiky. Engaho lahy ty safanao mba hanahaky ty raiky amy rey sady nivola raha soa." ¹⁴Le namaly Mikaia hozo: "Laha mbo velo koa Yaveh, le ze volany i Yaveh amiko ro ho volaniko." ¹⁵Lafa niavy amy ty mpanjaka eo ie, le hoasa ty mpanjaka taminy hozo: "Mikaia e, tokony handeha hialy a-Ramota-Gileada any va zahay, sa tsy hialy?" Mikaia namaly azy hozo: "Manafiky ka lemandesy. Hanome azy ho an-tana ty mpanjaka eo i Yaveh." ¹⁶Sady hoasa ty mpanjaka taminy hozo: "Impiry moa zaho ro nila anao handiniky mba tsy hivola ndra ino ndra ino amiko amy ty anara Yaveh hafa-tsy ty marina avao?" ¹⁷Le hoasa i Mikaia hozo: "Hitako niparitaky tam-bohitsy eny ty Israely iaby, manahaky tb aondry tsy misy mpiemby, sady Yaveh nanao hozo: 'Tsy mana soa soa an-tsanony any.'" ¹⁸Le hoasa ty mpanjakan'Israely tamy i Josafata hozo: "Tsy fa nivola taminao va zaho fa tsy mety to-resaky amy raha soa mikasiky ahy ie, fa loza avao?" ¹⁹Le hoasa Mikaia hozo: "Laha zay janjino ty safa Yaveh: nahita an'Yaveh nipetsaky tamy ty seza fipetrahanany eo zaho, sady maramila ty lanitsy iaby rey ro nitsanga tanilany eo tan-kavanany eo noho tan-kaviany eo." ²⁰Hoasa i Yaveh hozo: "Zaho ro hitanao an'i Ahaba, mba hiakatsy ie ka le ho lavo a-Ramota-gileada?" Ty raiky tamin-drozy nivola zao sady ty raiky hafa nivola zao. ²¹keo le nisy fanahy raiky nilitsy, nijanga taloha Yaveh eo, ka le nanao hozo: 'Zaho ro hitao azy.' Le hoasa Yaveh taminy hozo: 'Amy ty fomba manao akory?' ²²Le namaly azy fanahy hozo: 'Hiboaky zaho sady ho fanahy mpavandy am-bava to-resakiny iaby rey eo.' Yaveh namaly hozo: 'Hahatao azy iha, sady ho mety avao koa. Ka le mandehana sady anovo zay.' ²³Le ingo, Yaveh nampipetsaky fanahy mpavandy tam-bava azy to-resakinao rey eo iaby. sady Yaveh fa nivola loza ho ahy nao." ²⁴Sady Zedekia anakilahy i Kenana, niakatsy, nitampify ty fify i Mikaia, sady nanao hozo: "Taia ro lala ty fanahy Yaveh niala tamiko mba hivola aminao?" ²⁵Le hoasa i Mikaia hozo: "Ingo, ho hainao amy andro zay, lafa militsy ty efitsy anainy mba hivony iha." ²⁶Hoasa ty mpanjakan'Israely tamy ty mpiasany hozo: "Samboro Mikaia sady andeso amy i Amona any, azy governora ty tanà any, sady amy i Joasy any, anakilahiko." ²⁷Volano ie hozo: 'Ampiliro an-gadra lahilahy toy ty mpanjaka, sady fahano mofo kelikely noho rano kelikely avao ie, zisiky hiaviako soa aman-tsara.' ²⁸Sady hoasa i Mikaia hozo: "Laha tahiny ka le tafam-poly soa aman-tsara iha, le tsy nampivolany Yaveh zaho tsy fidiko." Sady nampeany hozo: "Janjino zay, olo lako iaby e." ²⁹Le niakatsy ho a-Ramota-gileada any i Ahaba, mpanjakan'Israely, noho Josafata, mpanjaka i Joda. ³⁰Ty mpanjaka i Israely nivola tamy i Josafata hozo: "Holy olon-kafa zaho sady hirotsaky anay aly ao, fa iha koa hanao ty siky ty mpanjaka avao." Le noly ho olon-kafa ty mpanjakan'Israely ka le nirotsaky tanay ty aly. ³¹Le nibeko ty kapiteny ty kalesany telopolo roa amby ty mpanjaka i Syria, nanao hozo: "Mba ka manafiky ty maramila kelikely na bevata. Fa ty mpanjakan'Israely avao ro tafiho." ³²Sady lafa nahita an'i Josafata kapiteny ty kalesa rey ro nanao hozo: "Toy tokoa ro mpanjakan'Israely." Niodiky ndrozy mba hamango azy, ka le nikaikaiky maré i Josafata. ³³Sady lafa hita mpifehy rey ty kalesa fa tsy iny ro mpanjakan'Israely, le nimpoly tamy ty faniana azy ndrozy. ³⁴Fa nisy lahilahy raiky nandefa ty anaky-kititsiny kintoatoa sady nahavao ty mpanjakan'Israely tanila

ty fiarovan-tsatrany rey. Sady i Ahaba nivola tamy ty mpanday ty kalesany hozo: "Miodiky ka le andeso miboaky ty aly zaho, fa naratsy maré zaho."³⁵Nihamahery TV aly tamy andro zay sady ty mpanjaka ro nitokana hitsanga tamy ty kalesany ao nanatsiky ty Syria. Maty ie lafa hariva. Nikororoky baka amy ty fanjatsiny eo ka le zisiky amy ty afara-kalesa ty lio. ³⁶Sady lafa fa hientiky ty masoandro, le nisy kaikaiky maré nameno ty tafiky, nanao hozo: "Samia moly amy ty tanàny any iaby ty lahilahy iaby; sady sambý moly amy ty fari-taniny any iaby ty lahilahy iaby!"³⁷Le nimaty i Ahaba mpanjaka sady nandesy ta Samaria any, ka le nalevin-drozy ta Samaria ao ie. ³⁸Nisasan-drozy tamy ty farihy i Samaria ty kalesa, sady nilelafy ty alika ty liony (teo ro fiandoa ty ampela maheriloha), manahaky ze fa nambara ty safa Yaveh. ³⁹Sady ty raharaha hafa mikasiky an'i Ahaba, noho ze iaby nanoviny, ty tsano ze namboariny, sady tanà iaby ze namboariny rey, moa va tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely rey? ⁴⁰Sady nimaty tamy razambeny rey i Ahaba, ka le i Ahazia anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ⁴¹Sady i Josafata anakilahy i Asa nanomboky nanjaka nameno an'i Joda tamy ty tao faha-efatsy najanaka i Ahaba mpanjakan'Israely. ⁴²Telopolio limy amby tao i Josafata ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka ta Jerosalema ao tanay ty ropolo limy amby tao ie. Azobo ro anaran-dreniny, azy anak'ampela i Sily. ⁴³Nanaraky ty fomba i Asa babany ie; tsy niala tamin-drozy; nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie. Nefa ty toera abo ro tsy mba niravà. Fa ty olo lako mbo nanao soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo eo avao. ⁴⁴Sady i Josafata nilongo tamy ty mpanjakan'Israely. ⁴⁵Sady ty raharaha hafa mikasiky an'i Josafata, noho ty hery ze naboakiny, sady ty fomba nialiany, moa va tsy fa voasoratsy anay boky ty tantara mpanjaka ao i Joda? ⁴⁶Nalany tamy ty tamy sisa tavela eo tamy ty olo nanome-vata hahehiloha ho fanompoan-tsampy za mbo tamy ty andro i Asa babany. ⁴⁷Tsy nisy mpanjaka ta Edoma ao, fa olo voatingy ro nanday ao. ⁴⁸Josafata nanao sambo fitatera an-driaky; nandeha nana Ofira any ndrozy hangalaky volamena, nefa tsy lasa safe nijano ta Ezion-gebera ao sambo rey. ⁴⁹Le hoasa Ahazia anakilahy i Ahaba tamy i Josafata hozo: "Engaho mba hiaraky-handay sambo ty mpiasanao noho ty mpiasako." Fa i Josafata tsy nanenga zay. ⁵⁰Nimaty tamy razambeny any i Josafata sady nalevy niaraky tamin-drozy tan-tanà i Davida ao, razambeny; sady Jerohama anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ⁵¹Ahazia anakilahy i Ahaba ro nanomboky nanjaka nameno an'Israely ta Samaria any tamy ty faha folo fito amby tao nanjaka i Josafata mpanjaka i Joda, sady nanjaka roe tao tamy i Israely eo ie. ⁵²Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie sady nanoriky ty fomba ty babany, tamy ty fomba ty babany, sady tamy ty fomba i Jeroboama anakilahy i Nebata, ze nitarihany ty Israely hanonta. ⁵³Nanombo an'i Bala noho nivavaky taminy ie sady nanao ze nampeloky an'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, manahaky ty fa nanovy-babany avao.

2 Kings

Chapter 1

¹Tafara ty nahafaty i Ahaba le nivory hanohitsy an'Israely i Moaba. ²Le nikadeboky tamy ty makarakara eo tamy ty efitsanony anabo ta Samaria ao i Ahazia, sady naratsy. Ka le nalefany mpanday ty hafatsiny rey sady hoy ie tamin-drozy hozo: "Mandehana, manontanea an'i Bala-zeboba, njanahary i Ekrona, laha ho afaky amy ty ratsiko toy zaho."³Fa ty anjely Yaveh nivola tamy i Elia Tisbita hozo: "Mialà, mandehana hamonjy amy ty mpanday ty hafatsy ty mpanjaka i Samaria, sady anontaneo amin-drozy hoe: 'Safe va tsy misy Njanahary a-Israely ao ro handeha hangalaky hevitsy amy i Bala-zeboba any, njanahary i Ekrona iha?' Laha zay le hoasa Yaveh hozo: "Tsy hijotso baka amy ty fandreanao eo ze fa niakaranao iha; fa le, ho maty vatany iha." Bakeo le nanjary i Elia. ⁵Lafa nimpoly tamy i Ahazia any ty mpanday hafatsy, le hoy ie tamin-drozy hozo: "Fa ino ro mimpolia nareo?" ⁶Hoasa ndrozy taminy: "Nisy lahilahy raiky nitojiky taminay nivola hozo: 'Mimpolia amy ty mpanjaka ze nandefa anareo any, sady volano azy hozo: 'Zao ro volany Yaveh: 'Safe va tsy misy Njanahary a-Israely ao ro nandefa ty olo hangalaky hevitsy amy i Bala-zeboba any, njanahary i Ekrona iha? Ka laha zay le tsy hijotso baka amy ty fandreanao eo any ze fa niakaranao iha; fa le, ho maty vatany iha.'" ⁷Ahazia nivola tamy mpandefa ty hafatsiny rey hozo: "Lahilahy manahaky ty ino, olo nitojiky taminareo sady nivola safa rey zay?" ⁸Ndrozy namaly azy hozo: "Nisiky siky vita amy ty volo ie sady santira holitsy tamy ty andilany eo." Sady ty mpanjaka namaly hozo: "Elia Tisbita zay." ⁹Sady nandefa kapiteny miaraky amy ty m'aramila dimampolo ho amy i Elia any ty mpanjaka. Niakatsy tamy i Elia any ze nipetsaky tanabo vohitsy azy kapiteny iny any. Hoy azy kapiteny taminy hozo: "Iha, lahilahin-Janahary, nivola ty mpanjaka hozo: 'Mijotsoa.'" ¹⁰Elia namaly sady nivola tamy azy kapiteny iny hozo: "Laha lahilahy Njanahary zaho, engao hilatsaky baka amy ty lanitsy eny ty afo sady handrava anao noho dimampolo lahinao rey." Le nilatsaky baka tamy ty lanitsy eny ty afo sady nandrava azy noho dimampolo lahiny rey. ¹¹Nandefa kapiteny hafa ndraiky niaraky tamy ty maramila dimampolo ho amy i Elia i Ahazia mpanjaka any. Hoy koa kapiteny zay tamy i Elia hozo: "Iha, ty lahilahin-Janahary, nivola ty mpanjaka hozo: 'Mijotsoa malaky.'"

¹²Elia namaly sady nivola tamin-drozy hozao: "Laha lahilahin-Janahary zaho, engao hilatsaky baka amy ty lanitsy ty afo eny sady handrava anao noho dimampolo lahinao eny." Le nilatsaky baka amy ty lanitsy eny ndraiky ty afon-Janahary sady nandrava azy noho dimampolo lahiny rey.¹³Mbo nandefa goropy mpialy dimampolo fanintelony ndraiky ty mpanjaka. Niakatsy kapiteny io, nandohaliky taloha ty Elia eo ie, sady nangataky azy noho nivola taminy hozao: "Iha, lahilahin-Janahary, mangataky amina zaho, engao ho sarotsy amaso ty aiko eo noho ty ay ty mpiasanao dimampolo eo reto." ¹⁴Eka vatany, nilatsaky baka amy ty lanitsy eny ty afo sady nandevy kapiteny rey ty roe velohany mbamy ty lahilahiny, fa amy zao engao ho sarotsy amasonao eo ty aiko."¹⁵Sady ty anjely Yaveh nivola tamy i Elia hozao: "Mijotsoa miaraky Aminy. Mba ka matahotsy azy." Ka le nitsanga Elia sady nijotso niaraky taminy ho tamy ty mpanjaka any. ¹⁶Tafara kelikely zay le hoasa Elia tamy i Ahazia hozao: "Zao ro volany Yaveh tamy i Bala-zeboba any, njanahary i Ekrona iha. Safe va tsy misy Njanahary a-Israely ze afaky ao angatahinao fampahaiza? Ka le amy zao, tsy hijotso baka amy ty fandrea ze niakaranao eo iha; fa ho maty vatany iha." ¹⁷Le maty manahaky ty safa Yaveh ze nivolany i Elia i Ahazia mpanjaka. Jorama ro nanomboky nanjaka tamy ty pilasiny eo, tamy ty faharoe tao nanjaka i Jehorama anaky i Josafata mpanjaka i Joda, safe tsy nana anaky i Ahazia. ¹⁸Sady ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Ahazia, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky tantara ty mpanjakan'Israely ao va zay?

Chapter 2

¹Sady lafa handeha hampiakatsy an'i Elia tamy ty talio ho an-danitsy any i Yaveh, le niala ta Gilgala ao niaraky tamy i Elisa i Elia. ²Hoy i Elia tamy i Elisa. "Mba mijanona eto lahy, safe fa naniraky ahy ho a-Betela any i Yaveh." Namaly Elisa hozao: "Laha mbo velo koa, sady laha mbo velo koa iha, le tsy hiala anao zaho." Le nijotso ta Betela any ndrozy.³Nana amy i Elisa any ty anaky ty olo to-resaky ze ta Betela any sady nivola taminy hozao: "Hainao va fa hangalaky ty tomponao aminao Yaveh androany?" Namaly Elisa hozao: "Eka, haiko zay, fa ka mba miresaky mikasiky zay." ⁴Hoy i Elia taminy: "Elisa, mba mandinisa eto lahy, safe fa naniraky ahy ho a-Jeriko any i Yaveh." Le namaly Elisa hozao: "Laha mbo velo koa Yaveh, sady laha mbo velo koa iha, le tsy hiala anao zaho." Le nandeha ta Jeriko any ndrozy.⁵Le nana amy i Elisa any ty anaky ty olo to-resaky ze ta Jeriko any sady nivola taminy hozao: "Hainao va fa hangalaky ty tomponao aminao Yaveh androany?" Le namaly Elisa hozao: "Eka, haiko zay, fa ka mba miresaky mikasiky zay." ⁶Le hoy Elia taminy: "Mba Mijanona lahy, fa Yaveh fa naniraky ahy ho a-Jordana any." Namaly Elisa hozao: "Laha mbo velo koa Yaveh, sady laha mbo velo koa iha, le tsy hiala anao zaho." Le nandeha ndrozy.⁷Tafara kelikely tato, nisy dimampolo tamy ty anaky ty olo to-resaky rey nitsanga nifanatsiky tamin-drozy teny lavitsy laha nitsanga tamy sisiny i Jordana eo rozy roe. ⁸Nala i Elia ty sikiny, naforiporitsiny, sady nivangoany tamy zay ty rano. Nizara tamy ty lafiny roe ty renirano ka le nandeha tamy ty tany maiky rozy roe.⁹Sady lafa baka nanapaky ndrozy, le hoy Elia tamy i Elisa: "Angataho amiko ze tokony hanoviko ho ahy nao aloha ty hangala ahy aminao." Namaly Elisa hozao: "Engao lahy mba ho avy amiko ty abo roe heny ty anjara fanahinao." ¹⁰Namaly Elia hozao: "Fa nangataky raha sarotsy iha. Ndra zay aza, laha hitanao zaho lafa alà aminao, le hitsanga aminao zay, fa laha ty hiala, le tsy hitsanga zay." ¹¹Laha mbo nandeha noho niresaky ndrozy, ingo, nisy kalesa afo noho sovaly afo niboaky, ze nampisaraky azy roa lahy, sady niakatsy tamy ty tsioky tan-danitsy any i Elia. ¹²Nahita zay Elisa ka le nihiaky maré hozao: "Babako e, babako e, kalesan'Israely rey noho mpiondra rey zay!" Tsy hitany sasy i Elia, ka le nitandrahany ty sikiny rey sady nijiatiny roe rey.¹³Nalany ty siky i Elia ze latsaky baka aminy eny, sady nimpoly mba hitsanga tan-tsisy i Jordana ie. ¹⁴Nivangoany tamy ty siky i Elia ze latsaky ty rano sady hoy ie: "Aia Yaveh, Njanahary i Elia?" Lafa nikapoaky ty rano ie, le nizara tamy ty lafiny roe eo reg ka le nanapaky i Elisa. ¹⁵Lafa hita ty anaky ty to-resaky rey ze baka Jeriko any tan-tsisin-drozy eo ie, le hoasa ndrozy: "Mipetsaha amy i Elisa ao ty fanahy i Elia!" Le niavy mba hitsena azy ndrozy, sady nandohaliky tamy ty tany tanilany eo. ¹⁶Hoy ndrozy taminy: "Ingo amy zao, misy lahilahy mahery dimampolo amy mpiasanao rey ro. Engao ndrozy handeha, mangataky zahay, mba hila ty tomponao, tsy noho nampiakary noho natoraky ty fanahy i Yaveh amy ty vohitsy any ndra amy ty lohambaiho any ie." Namaly Elisa hozao: "Aha, mba ka maniraky androzy." ¹⁷Nefa lafa nampirisiky an'i Elisa zisiky mahamenatsy azy ndrozy, le hoy ie: "Iraho ndrozy." Le naniraky lahilahy dimampolo ndrozy, sady nila zisiky ty telo andro ndrozy, neda tsy nahita azy. ¹⁸Nimpoly tamy Elisa ndrozy, laha nipetsaky ta Jeriko ao ie, le hoy ie tamin-drozy: "Tsy hivola taminareo va zaho hoe: 'Mba ka mandeha?'" ¹⁹Ty olo ty tanà reto nivola tamy i Elisa hozao: "Ingo, mangataky anao zahay, ty raha-misy tanà toy le soasoa, manahaky zay hita ty tompoko zao, nefa raty ty rano sady tsy mamokatsy ty tany." ²⁰Namaly Elisa hozao: "Andaiso lovia vavao zaho ka asio sira anainy ao," le nanday zay taminy eo ndrozy. ²¹Niboaky nana amy ty loharano any Elisa sady nanoraky sira tanay zay ao; le hoy ie hozao: "Zao ro volany Yaveh: 'Fa nanafaky rano reg Zaho. Manomboky amy fotoa zao, le tsy hisy fahafatesa ndra tany tsy mahavokatsy sasy.'" ²²Ka le afaky rano rey zisiky androany, tamy ty alala ty safa ze nivolany i Elisa. ²³Le niakatsy baka ao ho a-Betela any Elisa. Lafa niakatsy ty lalany ie, le nisy tovolahy niboaky ty tanà sady nanivativa azy; hoy ndrozy taminy: "Miakara, iha solaloha! Miakara, iha solaloha!" ²⁴Nanenty tafarany Elisa any sady nahita androzy; nikaiky an'i Yaveh ie niboaky baka an'ala ao ka le nandratsy efapolo roe amby tamy ty tovolahy rey. ²⁵Le niala teo ho am-bohitsy Karmela any i Elisa, sady bakeo le nimpoly ho a-Samaria any.

Chapter 3

¹Tamy ty faha folo valo amby tao ty mpanjaka i Josafata mpa tamy Israely eo ta Samaria ao i Jorama anakilahy i Ahaba; nanjaka tanay ty folo roa amby tao ie. ²Nanao ze raty tamaso i Yaveh eo ie, fa tsy mba manahaky ty babany noho ty reniny; fa nalany ty tsangam-bato masy ahy i Bala ze namboary ty babany. ³Ndra zay aza le nitanjaky ty fahota i Jeroboama rey ty anakilahy i Nebata ie, ze mpanota an'Israely, tsy nivio tamy zay ie. ⁴Sady i Mesa mpanjaka i Moaba ro nihary aondry. Tsy maintsy manome anak'aondry 100. 000 noho volon'aondry lahy 100. 000 ho ahy ty mpanjakan'Israely ie. ⁵Fa tafara ty nahafaty Ahaba, le niharo nanohitsy ty mpanjakan'Israely ty mpanjaka i Moaba. ⁶Sady niala an'i Samaria i Jorama mpanjaka tamy fotoa zay mba hanambara ty Israely iaby ho amy ty aly. ⁷Nandefa hafatsy tamy i Josafata mpanjaka i Joda ie, nicola hozao: "Fa niharo hanohitsy ahy ty mpanjaka i Moaba. Handeha hiaraky amiko hifampikontira amy i Moaba va iha?" Namaly i Josafata hozao: "Handeha zaho, manahaky anao avao zaho, ty oloko ro manahaky ty olona, ty sovaliko rey ro manahaky ty sovalinao." ⁸Sady bakeo ie nivola hozao: "Amy ty lala aia ro tokony hanafihantsika?" Namaly i Josafata hozao: "Amy ty lala mamaly ty efitsy i Edoma." ⁹Ka le nandeha niodiky tanay ty fito andro ty mpanjakan'Israely rey, Joda, sady Edoma. Tsy nahita rano ho ahy ty tafikin-drozy, ndra ho ahy ty sovaliny rey noho biby hafa rey. ¹⁰Ka le nivola ty mpanjakan'Israely hozao: "Fa ino toy? Moa va nikaiky mpanjaka telo hamea ho an-tana i Moaba eo Yaveh?" ¹¹Nefa nivola i Josafata hozao: "Tsy misy mpanjaka Yaveh va eto, hafahantsika mangalaky torohevitsy amy Yaveh amy ty alalany?" Sady namaly ty raiky tamy ty mpiasa ty mpanjakan'Israely nanao hozao: "Eto i Elisa anakilahy i Safata, ze nandraraky rano tan-tana i Elia eo." ¹²Hoasa i Josafata: "Mitahy azy ty safa Yaveh. " Ka le nijotso nana aminy any, i Josafata, mpanjakan'Israely, sady ty mpanjaka i Edoma. ¹³Hoasa i Elisa tamy ty mpanjakan'Israely: "Py ino moa tsika roe? Mandehana mama amy ty olo resaky ty babanao noho reninao any." Ka le nivola taminy ty mpanjakan'Israely hozao: "Aha, safe Yaveh nikaiky ty mpanjaka telo reto niaraky mba hanome azy ho an-tana i Moaba eo." ¹⁴Namaly i Elisa: "Laha mbo velo koa i Yaveh tompo ty lako, ze anilany eo ro hitsanganako, laha tsy noho ty fanajako ty famonjea i Josafata mpanjaka i Joda, le tsy nijanjy anao zaho, ndra nanenty anao aza." ¹⁵Fa amy zao andaiso mpititiky raha-maneno zaho." Sady lafa nititiky ty mpititiky lokanga, le niavy tamy i Elisa eo ty tana Yaveh. ¹⁶Nivola ie hozao: "Zao ro volany Yaveh, 'Atseho haly kelikely loham-baibo maiky io." ¹⁷Fa hoasa Yaveh: "Tsy hahita tsioky iha, ndra ora fa ho dobon-drano loham-baibon-driaky io, sady hino nareo, nareo noho ty biby harénareo noho ty bibinareo iaby." ¹⁸Zay ro raha mora amaso Yaveh eo. Hanome anareo fandreseha amy ty Moabita avao koa ro Ie. ¹⁹Hanafiky ty tanà voaaro mahery noho soa iaby nareo, hanapaky ty hazo soa iaby, hampijano ty loharano iaby, sady handrava tany soa iaby rey amy ty vato." ²⁰Ka le tamy ty maray niodidy y fotoa fanomeza ty soro, le nisy rano nirotsaky baka Edoma any; dobon-drano ty tany. ²¹Sady lafa naharé Moaba iaby rey fa niavy hialy aminy mpanjaka rey, le niara-nivory ndrozy, ty iaby afaky nanao siky fiarova, ka le nitsanga tamy ty sisin-tany eo ndrozy. ²²Nifoha maray ndrozy sady ty masondro nitaratsy tamy ty rano eo. Lafa nahajilo ty rano tampitany eo Moaba rey, le niloko mena manahaky ty lio zay. ²³Nikoraky maré ndrozy hozao: "Lio io! Tena rava vatany mpanjaka rey, sady nifamono ndrozy! Sady amy zao, Moaba, handeha tsika handrava androzy!" ²⁴Lafa nana amy ty toby Israely any ndrozy, nanampoky Israely rey ndrozy ka le nanafiky Moaba rey, ze nilay tanilany eo. Nitarihy ty tafiky Israely nameno ty tany Moaba rey, le nivonony ndrozy. ²⁵Nisimbany tanà rey, sady ty velaran-tany soa iaby ro nitorahany ty lahilahy iaby vato zisiky mahasaro zay. Nitapenan-drozy ty loharano iaby, nitapahan-drozy ty hazo soa iaby. Sady Kira-haresa sisa ro tavela tsy nihetsiky ty vatony. Fa nirakofa ty maramila mpitandraky antsamontaly say sady nitafigihiny. ²⁶Lafa hita i Mesa mpanjaka i Moaba fa resy an'aly ie, le nangalaky mpitandraky meso bey fitonjato niaraky taminy ie hanafiky ty mpanjaka i Edoma, nefa tsy nimety ndrozy. ²⁷Le nalany ty anakilahiny velohany ze vatany nanjaka nanolo azy, sady nameany ho fanomeza oroa tanabo ty vala eo ie. Ka le nisy heloky bevata nahazo tamy Israely, le niala an'i Mesa Mpanjaka ty tafiky ty Israely ka le noly tamy ty taniny.

Chapter 4

¹Sady ty valy ty raiky tamy anaky ty olo to-resaky rey lasa nitany tamy i Elisa, nanao hozo: "Maty ty valiko azy mpiasanao iny, sady hainao fa ty mpiasanao ro navaka an'Yaveh. Amy zao ty mpanao jala mitombo ro niavy hangalaky anako roe rey mba ho mpiasany."² Ka le hoasa i Elisa taminy: "Ino ro azoko anovy ho ahy nao? Volano ahy ino ro hanananao an-tsanonao any?" Sady hoy ie: "Tsy mana ndra ino ndra ino hafa-tsy solo-bonio raiky tavoangy ty mpiasanao an-tsano ao."³ Sady i Elisa: "Mndehana mindra sihoa amy mpiaraky mipetsaky aminao any rey, sihoa tsy misy ndra ino ndra ino." Fara ze lako hindramy. ⁴Bakeo le tsy maintsy militsy anainy ao iha sady mihily-varavara so iha noho anakilahinao rey, sady mandraraha solo-bonio amy ty sihoa iaby ao; sady atokano ty sihoa ze atsiky rey."⁵ Ka le niala an'i Elisa ie sady nanily varavara ie noho anakilahiny rey. Nandesin-drozy taminy ao sihoa rey, ka le natsehiny solo-bonio rey. ⁶Lafa atsiky ty sihoa, le hoy ie tamy anany rey: "Andaiso sihoa hafa zaho." Fa hoy anany taminy: "Tsy misy sihoa sasy." Le tsy niraraky sasy ty ty solo-bonio.⁷ Sady niavy ie ka le nivola tamy azy lahilahy Njanahariny iny. Hoy ie hozo: "Mandehana, avaroto ty solo-bonio; aloavo ty tsosanao, sady ivelomo miaraky amy ty anakilahinao ty ambiny."⁸ Ndraiky andro i Elisa nandeha ta Sonema any amy ze hipetsaha ty ampela manan-danja raiky any; nanoviny hiaraky hihina aminy ie. Sady ty hisaky ty handalo ie, le hijano ka le hihina ao. ⁹Hoy azy ampela iny tamy ty valiny: "Ingo, mahatsapa zaho amy zao fa ie ro lahilahy masy Njanahary ze mandalo zisiky farany."¹⁰ Ndao tsika hanao efitsy kelikely anabo esikalié ho ahy Elisa, ka le ho asiantsika firoroa anainy ao, latabatsy, seza, sady jiro, Ka le lafa niavy amintsika eto ie, le hijano eto."¹¹ Sady niavy ndraiky ty andro le hijano tao i Elisa, nipetsaky tamy efitsy iny ao ie sady nangalaky ay tao.¹² Hoy i Elisa tamy i Gehazy azy mpiasany iny: "Kaiho Sonemita io." Lafa baka nikaiky azy ie, le nitsanga tanilany eo. ¹³Sady hoy i Elisa taminy: "Volano amin-ampela hozo: 'Fa nana amy olo iaby zao atoy iha mba hiaro anay. Ka le ino ro azo anovy ho ahy nao? Afaky misolo vava anao amy ty mpanjaka any ndra amy ty bey ty tafiky any va zahay?'" Le namaly ie hozo: "Miaraky-mipetsaky amy ty olo lakoko zaho."¹⁴ Ka le hoy i Elisa: "Ino zay ro azontsika anovy ho azy?" Le namaly i Gehazy hozo: "Eka vatany, tsy mana-anaky ie, sady fa antitsy ty valiny."¹⁵ Ka le namaly i Elisa hozo: "Kaiho ie." Lafa baka nikaiky azy ie, le nitsanga tamy ty varavara eo. ¹⁶Hoy i Elisa: "Amy ty fotoa manahaky zao, afaky tao raiky, le hitotso aja lahilahy iha." Ka le hoy ty ampela: "Aha, tompoko e sady lahilahin-Janahary, mba ka mavandy amy ty mpiasanao."¹⁷ Fa ty tao manaraky avao ampela ro nibevoaka sady niteraky aja lahilahy, manahaky ze fa nivolany i Elisa taminy. ¹⁸Lafa niha-bevata ty aja, ndraiky andro le nandeha niaraky tamy ty babany, ze niaraky tamy ty mpijinja rey ie. ¹⁹Hoy ie tamy ty babany: "Ty lohako, ty lohako." Le hoy ty babany tamy ty mpiasaby: "Andeso amy ty reniny any ie."²⁰ Lafa nangalaky azy noho nanday azy aja lahilahy iny tamy ty reniny any azy mpiasa iny, le nipetsaky tam-pontsonany azy aja zisiky mitataovovona iny sady maty bakeo.²¹ Ka le nitsanga azy ampela iny sady nampipetsaky azy aja lahilahy kelikely iny tamy ty firoroa azy lahilahin-Janahary iny eo, nanily ty varavara, sady nibokay. ²²Nikaiky ty valiny ie, sady nivola hozo: "Mba andefaso raiky amy apondra rey lahy zaho mba hafahako mandeha malaky amy azy lahilahin-Janahary iny rey any ka le himpoly bakeo."²³ hoy ty valiny: "Nanino iha ro te-ho aminy any henanikio? Tsy tsinam-bola ndra Sabata zao." Ka le namaly ie hozo: "Tsy manino lahy."²⁴ Le nasiany lasely ty apondra raiky sady hoy ie tamy ty mpiasany hozo: "Ampandehano malaky; sady mba ka mandeha miada laha tsy nivola zaho."²⁵ Ka le nandeha ty ampela sady niavy tamy azy lahilahin-Janahary iny ao tamy ty Vohitsy Karmela any. Sady lafa nahita azy baka lavitsy lahilahin-Janahary iny, le nivola tamy i Gehazy mpiasany ie hozo: "Ingo, niavy ampela Sonemita iny. Milay malaky mba hitsena azy noho hivola aminy hozo: ²⁶"Milamy va ty aminao noho ty valinao sady anakinao?" Le namaly ie hozo: "Milamy soa."²⁷ Lafa niavy tamy azy lahilahin-Janahary tany am-bohitsy ampela iny eo, le nitanjahany ty tombony. Namonjy mariny i Gehazy mba hangalaky azy nefa hoy azy lahilahin-Janahary iny hozo: "Engao ie, fa meloky tanteraky, sady navony Yaveh tamiko olo iny, sady tsy nivola ndra ino ndra ino tamiko."²⁸ Le hoy ty ampela: "Nangataky anaky taminao va zaho, tompoko e? Tsy fa nivola va zaho hozo: 'Ka fitaha zaho?'" ²⁹Le hoy i Elisa tamy i Gehazy: "Misikina ho ahy ty lia sady andeso amy ty tananao ty tehiko. Mandehana an-tsanony any. Laha tojiky amy ty olo iha, le mba ka manao akory azy, sady laha misy olo manao akory anao, le mba ka mamaly azy. Ajohano amy ty tarehy azy aja iny eo ty tehiko."³⁰ Fa ty reny azy aja nivola hozo iny: "Laha velo koa Yaveh, sady laha velo koa iha, le tsy hiala anao zaho." Ka le nitsanga i Elisa sady nanoriky azy. ³¹alohan-drozy malaky i Gehazy sady nampipetsaky ty tehiny tamy ty tarehy azy aja iny eo, nefa tsy nivola ndra naharé aja iny. Ka le nimpoly tamy i Elisa any i Gehazy sady nivola taminy hozo: "Mbo tsy nifoha aja iny."³² Lafa niavy tan-tsano ao i Elisa, le mbo maty tanabo fandrea eo aja iny. ³³Ka le nilitsy tao i Elisa sady nanily-varavara tao ie noho aja iny ka le nivavaky tamy Yaveh ie. ³⁴Nitsanga ie sady niroro tamy aja iny eo; nampipetsaky ty soniny tamy ty soniny eo, ty masonry tamy ty masonry eo, sady ty tanany tamy ty tanany eo. Nanampatsy ty ty vatany tamy aja iny eo, ka le nanjary nafana ty vata aja lahilahy kelikely iny. ³⁵sady nitsanga i

Elisa sady niriorio tamy ty efitsy ao sady niakatsy ndraiky ka le nanampatsy ty vatany tanabo aja kelikely iny eo. Nihevy im-pito aja lahilahy iny sady namoha ty masony.³⁶ Ka le nikaiky an'i Gehazy i Elisa sady nivola hozo: "Kaiho azy Sonemita iny!" Ka and nikaiky azy ie, sady lafa niavy tamy ty efitsy ao ie, le hoy i Elisa: "Rambeso ty anakinao."³⁷ Le nampiondriky ty tarehinytamy ty tany eo tamy ty tombony ie sady nandohaliky tamy ty tany eo, ka le nangalaky ty anany le niboaky.³⁸ Sady nimpoly ta Gilgala any ndraiky i Elisa. Nisy mosary tamy tany iny ao, sady nipetsaky talohany ao anakiny ty olo to-resaky rey. Hoy ie tamy ty mpiasany: "Anovo amy ty afo eo ty sihoa bevata sady miketseha hany ho ahy anaky ty olo to-resaky rey." ³⁹Nijotso tam-baibo any mba hitsongo legimy ty raiky tamin-drozy. Nahita voloboky le ie sady namory tantanamanga ro mba fanatseha ty sisin-tomboky ty sikiny. Nitapatapahany sady nanovin-drozy tamy ty hany ao zay, nefa tsy nahay ty karaza zay ndrozy.⁴⁰ Ka le namoatsy hany mba ho hany ty lahilahy rey ndrozy. Lafa kelikely, laha tam-pihinana eo ndrozy, le nikoraky maré nanao hozo: "Lahilahin-Janahary, misy mahafaty am-balany ao!" Ka le tsy afaky ty hihina zay sasy ndrozy.⁴¹ Fa hoy i Elisa hozo: "Mandaisa koba." Nanoraky zay tanay valany ao ie sady nivola hozo: "Loaro ho ahy ty olo zay, mba hihinana androzy." Ka le tsy nisy raha mahafaty sasy tam-balany ao."⁴² Nisy lahilahy raiky baka Bala-salisa any nana amy ty lahilahin-Janahary any sady nanday mofo vita tamy ty vary hordea ropolo vo baka nitapaha, sady solohim-bary vaovao tanay kitapony ao. Hoy ie: "Ameo an'i olo reto mba hafahan-drozy mihina."⁴³ Hoy ty mpiasany: "Nanino ro hanomezako zay an'i olo zato reto?" Fa hoy i Elisa hozo: "Ameo olo reto, mba hafahan-drozy mihina, safe Yaveh nivola hozo: "Hihina androzy sady hanenga ambiny."⁴⁴ Ka le nanome zay rozy ty mpiasany; le nihina ndrozy, sady nisy sisa tavela, manahaky ty safampanantena Yaveh.

Chapter 5

¹Sady Namàna, mpifehy ty tafiky ty mpanjaka i Syria, ro lahilahy bey sady bey voninahitsy amaso ty tompony eo, safe tamy ty alalany ro nanomeza i Yaveh fandreseha an'i Syria. Lahilahy matanjaka, bey herim-po avao koa ie, nefa boka. ²Nandeha niboaky isan-tokony ty Syria na nangelaky aham-pela kelikely raiky baka amy ty tany Israely ao. Nanompo ty valy i Namàna ie. ³Hoy azy aham-pela iny tamy ty tompo ampelany hozo: "Enga anie mba hiaraky amy azy to-resaky iny ze a-Samaria any ty tompoko! Sady hanafaky ty tompoko amy ty habokany ie." ⁴Ka le nandeha i Namàna sady nivola tamy ty mpanjaka ze nivolany azy aham-pela kelikely iny baka amy ty tanin'Israely any. ⁵Le hoy azy mpanjaka i Syria iny hozo: "Mandehana amy zao, sady hampanday taratasy ho ahy ty mpanjakan'Israely zaho." Nandeha i Namàna sady nanday talenta volafoty folo, volamena enin'arivo, noho siky fisoloa folo niaraky taminy. ⁶Nanday taratasy iny ho ahy ty mpanjakan'Israely avao koa ie ze nivola hozo: "Lafa andesy aminao taratasy toy, le ho hitanao fa nandefa an'i Namàna mpiasako aminao zaho, mba hanafahanao azy amy ty habokany." ⁷Lafa baka namaky taratasy iny ty mpanjakan'Israely, le nanataky ty sikiny ie sady nivola hozo: "Zaho va Njanahary, ka le hamono na hamelo, ro mila ahy hanafaky lahilahy amy ty habokany lahilahy toy? Hohatsy ty mila hialy amiko ie." ⁸Ka lafa ré i Elisa lahilahin-Janahary iny fa nanataky ty sikiny azy mpanjakan'Israely iny, le nandefa safa tamy ty mpanjaka any ie nanao hozo: "Nanino ro nijiatinao ty sikininao? Engaho ie hamonjy ahy amy zao, le ho hainy fa misy olo to-resaky a-Israely ao." ⁹Ka le niavy niaraky tamy ty sovaliny rey noho kalesany i Namàna sady nitsanga tam-baravara ty tsano i Elisa eo. ¹⁰Naniraky mpanday hafatsy taminy any Elisa, na hozo: "Mandehana sady ampandrò im-pito amy Jordana ao ty vatanao, le himpoly amy ty velohany ty nofotsinao; halio iha." ¹¹Fa neloky i Namàna sady nandeha ka le nivola hozo: "Ingo, nidinihiko fa hiboaky hamonjy ahy ie sady hitsanga noho hikaiky ty anara i Yaveh Njanahary, sady hanelakelaky ty tanany amy toera iny ka le hanafaky ty habokako." ¹²Moa i Abana noho Farpara, renirano i Damaskosy, tsy soa vatany noho ty rano iaby a-Israely ao? Tsy afaky miandro amin-drozy ao va zaho mba halio?" Le nimpoly ie sady nanjary neloky. ¹³Bakeo ty mpiasa i Namàna rey nanariny ka le niresaky taminy hozo: "Babako e, laha nibeko anao hanao raha-sarotsy ilany ty olo to-resaky, moa tsy nanao zay va iha? Ka vo maiky fa, lafa mivola tsotsa anao ie hozo: 'Ampandrò ty vatanao mba halio iha?'" ¹⁴Bakeo le nandeha nijotso ie sady nampianandro ty vatany im-pito tamy i Jordana eo, nankatò ty toromariky azy lahilahin-Janahary iny rey. Nimpoly manahaky ty nofotsy-aja kelikely ndraiky ty nofotsiny, sady afaky ie. ¹⁵Nimpoly tamy azy lahilahin-Janahary iny any i Namàna, ie noho mpiarakylia taming iaby rey sady nitsanga talohany eo. Hoy ie hozo: "Ingo, haiko amy zao fa tsy misy Njanahary mameno ty tany hafa-tsy a-Israely ao avao. Laha zay, rambeso ty fanomeza baka amy ty mpiasanao." ¹⁶Fa Elisa namaly hozo: "Laha mbo velo koa Yaveh, ze anilany eo ro hitsanganako, le tsy handramby ndra ino ndra ino zaho." Nandrisiky an'i Elisa mba handramby fanomeza i Namàna iny, fa nandà ie. ¹⁷Laha zay le hoy i Namàna hozo: "Laha tsy zay, le mangataky aminao zaho mba hanome ty mpiasanao tany ampy zakany ty ampondra roe, safe manomboky zao, le hanome fanomeza oroa ndra soro ho an-Janahary sasy ty mpiasanao hafa-tsy Yaveh." ¹⁸Engao mba hanenga heloky ty mpiasanao Yaveh amy raha raiky toy, le zao, lafa militsy an-tsano i Rimona ao ty mpanjakako mba hanompo ao, sady mitehy amy ty tanako ie sady nandohaliky an-tsano i Rimona ao zaho, lafa mandohaliky an-tsano i Rimona ao zaho, le enga anie Yaveh mba hanenga heloky ty mpiasanao amy raha zay." ¹⁹Le hoy i Elisa taminy hozo: "Mandehana moramora." Le nandeha i Namàna. ²⁰Nandeha lavidavitsy avao ie, Lara nivola taminy i Gehazy mpiasa i Elisa azy lahilahin-Janahary iny hozo: "Ingo, fa namako fo Namàna azy Syria na iny toy ty tompoko tamy ty tsy gandrambesa ty fanomeza ze nandesiny tan-tanany any rey. Laha mbo velo koa Yaveh, le hanoriky azy zaho sady handramby raha baka aminy." ²¹Laha zay le nanoriky an'i Namàna i Gehazy. Lafa nahita olo nilay tafarany ao i Namàna, le nitsamboko nijotso tamy ty kalesany ie mba hitsena azy sady nivola hozo: "Mety va ty raha iaby?" ²²Le hoasa i Gehazy hozo: "Mety iaby ty raha iaby. Nirahy ty tompoko zaho, nanao hozo: 'Ingo, nisy pamaraky roe baka amy ty anaky ty olo to-resaky rey niavy namonjy ahy baka amy ty vohitsy i Efraïma any. Mangataky lahy mba ameo talenta volafoty raiky noho siky hisoloe roe ndrozy.'" ²³Namaly i Namàna hozo: "Faly maré zaho manome talenta volafoty roe ho ahy nao." Nandrisiky an'i Gehazy i Namàna sady namehy talenta volafoty roe tanay ty kitapo roe, niaraky amy ty siky roe hisoloe rey, sady nampipetsaky rey tamy ty roe tamy ty mpiasany rey, ze nanday kitapom-bolafoty rey aloha an'i Gehazy. ²⁴Lafa niavy tamy ty vohitsy ao i Gehazy, le nangelaky kitapom-bolafoty rey tan-tanan-drozy eny ie sady namony rey tan-tsano ao; nalefany lahilahy rey, ka le nandeha ndrozy. ²⁵Lafa nilitsy i Gehazy sady nitsanga taloha ty tompony, le hoy i Elisa taminy hozo: "Baka aia iha, Gehazy?" Namaly ie hozo: "Tsy nandeha taia ty mpiasanao." ²⁶Hoy i Elisa tamy i Gehazy hozo: "Tsy naniraky taminao va ty fanahiko lafa niodiky tamy ty kalesany mba hitsena anao zay lahilahy iny? Fotoa fandrambesa jala noho siky, tanin'oliva noho tanim-boloboky, aondry noho aomby, sady mpiasa lahy noho

ampela va zao? ²⁷Laha zay le ho aminao noh0 ty tarihanao zisiky farany ty haboka i Namàna." Ka le niala tamy ty famonjeany i Gehazy, boka foty manahaky ty havandra.

Chapter 6

¹Anaky ty olo to-resaky resaky rey nivola tamy i Elisa hozao: "Toera ze hipetsahanay miaraky aminao rey iny ro tena kelikely maré ho ahy nay iaby. ²Engao lahy zahay handeha ho a-Jordana any, sady engaho ty olo iaby mba hanapaky katà any, sady engaho zahay hamboatsy toera hafahanay mipetsaky any." Namaly i Elisa hozao: "Afaky mandeha nareo." ³Ty raiky tamin-drozy nivola hozao: "Mandehana miaraky amy ty mpiasanao rey lahy." Sady namaly Elisa hozao: "Handeha zaho." ⁴Ka le nandeha niaraky tamin-drozy ie, sady lafa niavy ta Jordana any ndrozy, le nanomboky nanapaky katà. ⁵Fa laha am-pitapaha ty raiky eo, le nilatsaky tanay rano ao ty lela-pamaky; nikorako maré ie sady nivola hozao: "Loza, tompoko, nindramy iny!" ⁶Ka le hoy azy lahilahin-Janahary iny hozao: "Taia ro nilatsahany?" Le natora azy olo an'i Elisa toera iny. Le nanapaky tapa-kazo ie, sady noraky zay tanay rano ao, ka le nampihafoniny ty vy. ⁷Hoy i Elisa hozao: "Alao io." Ka le nanampatsy ty tanany olo iny sady nangalaky zay. ⁸Sady nampitsanga aly tamy Israely i Syria. Niresaky tamy ty mpiasany ie, nanao hozao: "Amy ty toera any manahaky zao noho manahaky zao ro hipetsahako." ⁹Ka le azy lahilahin-Janahary ze nalefa tamy ty mpanjakan'Israely any iny, nivola hozao: "Miembena tsy handalo amy toera zay, fa hijotso a-Syriana any." ¹⁰Nandefa hafatsy tamy toera iny any ze voaresaky noho nampiembenana lahilahin-Janahary iny azy ty mpanjakan'Israely. Tsy indraiky avao ndra indro avao, lafa nandeha tany mpanjaka iny, le malio ie. ¹¹Neloky maré tamy ty fampiembenana mpanjaka i Syria iny, ka le nikaiky mpiasany rey ie sady nivola tamin-drozy hozao: "Tsy hivola amiko va nareo hoe ia aminareo ro mandany amy ty mpanjakan'Israely?" ¹²Ka le hoy ty raiky amy ty mpiasany hozao: "Aha, mpanjaka, tompoko, fa i Elisa to-resaky a-Israely ao ro mivola amy ty mpanjakan'Israely rey eny ze Volaninao amy ty efitsano firoroanao ao!" ¹³Sady namaly mpanjaka iny hozao: "Mandehana sady ilao ty misy an'i Elisa mba hafahako mandefa olo hanambotsy azy." Nivolany taminy hozao: "Ingo, a-Dotana any ie." ¹⁴Ka le nandefa sovaly lako, kalesa, sady tafiky bey ta Dotana any ty mpanjaka. Tamy ty haly ie ro niavy sady niodidy ty tanà. ¹⁵Lafa nifoha maray ka le niboaky tambalikin'any ty mpiasa ty lahilahin-Janahary iny, le ingo, ty tafiky bey niondra-sovaly noho kalesa niodidy ty tanà. Hoy azy mpiasa taminy hozao: "O, tompoko! Ino ro ho anovintsika?" ¹⁶Elisa namaly hozao: "Ka matahotsy, fa ze miaraky amintsika rey ro mbo lako vatany noho ze miaraky amin-drozy rey." ¹⁷Vavaky i Elisa sady nivola hozao: "Yaveh, mangataky aminao ty mba hamohanao ty masony mba hahita zaho." Sady nivoha i Yaveh ty maso azy mpanompo iny, ka le nahita ie. Ingo, ty vohitsy ro atsiky sovaly noho kalesa afo niodidy an'i Elisa! ¹⁸Lafa nijotso taminy eo Syriana rey, le nivavaky tamy Yaveh i Elisa sady nivola hozao: "Mangataky aminao zaho, anovo jiky olo rey." Ka le nijikiny ndrozy, manahaky ty nangataha i Elisa. ¹⁹Sady hoasa i Elisa tamy Syriana rey hozao: "Tsy io ro lala, ndra azy tanà iny. Oriho zaho, fa handesiko amy olo iny any ze ilanareo nareo." Bakeo le nitarihiny ho a-Samaria any ndrozy. ²⁰Sady lafa niavy ta Samaria any ndrozy, le hoy i Elisa hozao: "Yaveh, sokafo ty maso olo rey mba hafahan-drozy mahita." Le nisokafy Yaveh ty mason-drozy ka le nahita ndrozy, sady ingo, tanivo ty tanà i Samaria eo ndrozy. ²¹Hoy mpanjakan'Israely iny tamy Elisa, Lara nahita androzy ie: "Babako e, tokony hovonoka va ndrozy? Tokony hovonoko va ndrozy?" ²²Elisa namaly hozao: "Enga anie tsy hamono androzy iha. Hovononao va ze nigadrànao tamy ty meso-bey noho ty kititsy rey? Mametsaha mofo noho rano alohan-drozy eo, mba hihina noho hino ndrozy, sady mandehana amy ty tompon-drozy any." ²³Ka le nanoma hany lako ho ahin-drozy mpanjaka iny, sady lafa nihina noho nino ndrozy, le nalefany, ka le nimpoly tamy ty tompony any. Tsy nimpoly tamy ty tanin'Israely any tanay ty fotoa ela ty tariha ty maramila Syriana rey. ²⁴Fotoa kelikely tafara ze namory ty tafikiny i Beni-hadada sady nanafaky an'i Samaria noho nanao vava azy. ²⁵Ka le nisy mosary bevata ta Samaria any. Ingo, nanao vava ndrozy zisiky-pahaletaky ho sekely volafoty valopolo ty lohan'ampondra raiky, sady ty taim-boromahilala ampaha-efatsy ty kaba ho sekely volafoty limy. ²⁶Laha nandalo tamy ty vala ty mpanjakan'Israely eo, le nisy ampela nikoraky taminy, nivola hozao: "Hazolava, mpanjaka, tompoko." ²⁷Hoy ie: "Laha tsy manampy anao Yaveh, nanino ro hafahako manampy anao? Misy raha va baka amy ty fandamina noho ty famiazam-boloboky?" ²⁸Le nanohy ty mpanjaka hozao: "Ino ro mahazo anao?" Ka le namaly ie hozao: "Hoy ampela toy tamiko: 'Ameo ty ananao mba hihinanantsika azy androany, sady hihina ty anako tsika hamaray.'" ²⁹Ka le nampandevazinay ty anako sady hihaninay, sady nivola taminy zaho ty andro manaraky hozao: "Ameo ty ananao mba hihinanantsika azy, nefa fa navony ty anany." ³⁰Sady lafa naharé ty safa ty ampela rey ty mpanjaka, le nanataky ty salony ie (sady nandalo tamy ty vala eo ie), ka le nanenty sady nahita fa nana atin'akanjo siky fisaona ie, tanofitsiko eny. ³¹Sady hoy ie hozao: "Engaho lahy Njanahary hanao zay amiko, mandilatsy nohozay aza, laha mipetsaky aminy eo ty loha i Elisa ana i Safata androany." ³²Fa i Elisa nipetsaky tan-tsanony ao, sady olo bey rey niaraky nipetsaky taminy, Nandefa olo raiky baka alohany eo ty mpanjaka, nefa lafa niavy tamy i Elisa any ty mpanday hafatsy, le hoy ie tamy olo bey rey hozao: "Ingo, nanino ty fomba nandefasa anaky mpamono olo ty olo hanapaky ty lohako toy? Ingo, lafa niavy ty mpanday hafatsy, le hilio ty varavara, sady tanjaho hihily mba tsy hilirany ty varavara. Moa va

tsy feo ty tomboky ty tompony afarany ao zay? ³³Laha mbo nanohy taminy eo azy mpanday hafatsy iny. Hoy ty mpanjaka hozao: "Ingo, baka amy Yaveh loza zao. Nanino zaho ro tokony mbo handiny an'Yaveh avao?"

Chapter 7

¹Hoy Elisa hozao: "Janjino ty safa Yaveh". Zao ro volany Yaveh: 'Hamaray amy ty ora manahaky zao ro ho sekely raiky ty vily ty koba soa lisa mameno ty farany, sady ho sekely raiky ty vary hordea roe farany, am-bavahady i Samaria eo.'" ²Sady namaly azy lahilahin-Janahary iny ty bey ty mpiemby raiky ze niankina ty mpanjaka ty tanany, sady nivola hozao: "Ingo, ndra le hanao lafonety amy ty lanitsy eny aza Yaveh, hitsanga va raha zay?" Sady namaly Elisa hozao: "Ingo, hahita ty fitsangana masonareo zay, nefa tsy hihina amy zay nareo." ³Sady nisy efa-dahy boka tambaliky ty vavahady ty tanà eo. Nifampiresaky ndrozy hozao: "Nanino tsika ro tokony mijano zisiky-mahafaty antsika eto? Laha hivola tsika hoe tokony hilitry amy ty tanà ao tsika, nefa misy mosary an-tanà ao, le ho maty any tsika. ⁴Nefa laha hijano eto tsika le mbo ho maty avao koa. ka le andao, andao tsika ho amy ty tafiky ty Syria any. Laha tsy mamono antsika ndrozy, le ho velo tsika, fa laha mamono antsika ndrozy, le ho maty tsika. ⁵Ka le niala takariva ndrozy mba hana amy ty toby ty Syria any; lafa niavy tany ty faritsy ambaliky ty toby eny ndrozy, le tsy nisy olo tao. ⁶Fa nampahereza ty Tompo ty feo ty kalesa rey, noho ty feo ty sovaly rey---ty feo ty tafiky bey hafa, ty tafiky ty Syria, sady nifampiresaky ndrozy hozao: "Ty mpanjakan'Israely ro fa nampikarama ty mpanjaka ty Hetita rey noho Egyptiana rey mba ho avy hanohitsy antsika. ⁷Le niala noho nilay maramila rey lafa takariva; nalevin-drozy ty lainy, sovaliny rey, apondrany rey, sady manahaky zay koa ty toby, sady nilay ho ahy ty ainy ndrozy. ⁸Lafa niavy tany ty faritsy ambaliky ty toby rey eo ty lahilahy boka rey, le nilitsy tanany ty lay ao ndrozy ka le nihina noho nino, sady nangalaky volafoty noho volamena sady salotsy, le nandeha ka and namony rey. Nimpoly ndrozy sady nilitsy tany ty lay hafa ao le nandrava ty tao avao koa ndrozy, sady nandeha ka and namony zay. ⁹Bakeo le nifampiresaky ndrozy hozao: "Tsy manao ty marina tsika. Andro ty filazantsara andro zao, nefa mitanjaky tsy fivolana mikasiky zay tsika. Laha mandiny ty ham-pazava ty andro tsika, le hisy haiky hahazo antsika. Amy zao, ndao tsika handeha sady hivola ty longo ty mpanjaka. " ¹⁰Nandeha ndrozy ka le nikaiky ty mpiemby vavahady tan-tanà ao. Hoy rozy tamin-drozy: "Nana amy ty toby ty Syria any zahay, nefa tsy nisy olo tao, tsy nisy feon'olo, fa sovaly noho apondra rey ro ao, sady lay ze nipetsahany rey." ¹¹Le nikoraky maré vaovao ty mpiemby vavahady rey, bakeo le nivolany tany ty longo ty mpanjaka ao zay. ¹²Sady nifoha ty mpanjaka ty haliky sady nivola tany mpiasany rey hozao: "Amy zao le ambarako anareo ty nanovy Syria any tamintsika. Hain-drozy fa mosaré tsika, ka le niala ty toby ndrozy mba hivony am-baibo any. Hoasa ndrozy: "Lafa miboaky ty tanà ndrozy, le hanovintsika sambo velo, ka le hilitantsika ty tanà." ¹³Namaly ty raiky tany ty mpiasa ty mpanjaka rey sady nivola hozao: "Mangataky aminao zaho, engao hangalaky limy amy sovaly tavela rey ty lahilahy, le ze tavela tan-tana ao zay. Ndrozy ro hanahaky ty amby ty olo lakon'Israely iaby ze tavela rey fa maty ty halakoany amy zao; enga anie tsika handefa androzy ka le hahita." ¹⁴Ka le nangalaky kalesa roe niaraky tany ty sovaly ndrozy, ka le nirahy ty mpanjaka hanoriky tafiky ty Syria any ndrozy, nivola hozao: "Mandehana sady henteo." ¹⁵Nandeha nanoriky androzy zisiky a-Jordana any ndrozy, ka le atsiky fisikina noho fiasa ze naria i Syria any koropaky ty lala iaby. Lecnimpoly ty mpanday hafatsy sady nivola tany ty mpanjaka. ¹⁶Nilay ty olo lako rey sady nandrava ty toby ty Syria any. ka le navily ho sekely raiky ty koba soa lisa era ty famarana, sady vary hordea roe famarana le sekely raiky, manahaky ty fa voavola ty safa Yaveh. ¹⁷Nibekoa ty mpanjaka ty bey ty mpiemby ze mariny azy iny mba hiemby ty vavahady, sady voahitsakitsaky ty olo lako rey tam-bavahady rey eo ie. Sady maty ie manahaky ty fa voavola ty lahilahin-Janahary, ze nivola lafa nijotso taminy eo ty mpanjaka. ¹⁸Ka le niboaky zay manahaky ty fa nivolany ty lahilahin-Janahary tany ty mpanjaka hozao: "Amy fotoa zao tam-baravara ty Samaria eo, ro azo vily ho sekely raiky ty vary hordea roe farany, sady ty koba soa lisa raiky farany ro ho sekely raiky." ¹⁹Namaly azy lahilahin-Janahary iny ty bey ty mpiemby zay sady nivola hozao: "Ingo, ndra le hanao lafonety an-danitsy eny aza Yaveh, hitsanga va raha zay? Fa nivola i Elisa hozao: "Ingo, hahita ty fitsangana zay amy ty masonareo eo nareo, nafa tsy hihina amy zay nareo. ²⁰Manahaky zay vatany ro niboaha taminy, safe voahitsakitsaky ty olo lako tam-bavahady eo ie, sady maty.

Chapter 8

¹Sady Elisa niresaky tamy ty ampela reny aja ze nivelominy iny. Hoy ie taminy: "Mitsàngana, sady mandehana miarakany amy ty longonao, ka le mipetsaky ndra ia ndra ia azonao hipetsaha an-tany hafa eo, safe Yaveh fa nikaiky mosary ho avy amy tany toy eto zisiky farany ty fito tao." ²ka le nitsanga ty ampela sady nankatò ty safà ty lahilahin-Janahary iny.³Sady ty fara ty fito tao ro nimpoly baka amy ty tany ty Filistina ao ty ampela, le nana amy ty mpanjaka any ie mba hangataky ty amy ty tsanony noho ty amy ty taniny. Sady ty mpanjaka niresaky tamy i Gehazy mpiasa azy lahilahin-Janahary iny, nanaonhozao: ⁴"Mba volano ahy lahy ty raha bevat iaby ze nanovy i Elisa rey."⁵Ka laha nivola tamy ty mpanjaka ty fomba nameloma i Elisa azy aja ze fa maty iny ie, le niavy azy ampela reny aja nivelominy iny mba hangataky ty mpanjaka ty amy ty tsanony noho ty taniny. Hoy i Gehazy: "Mpanjaka, tompoko, toy ampela iny, sady toy ty anakilahiny, ze nivelomy i Elisa. " ⁶Lafa nanontany ty ampela mikasiky ty anany ty mpanjaka, le nihazavany taminy zay. Ka le nibeko manam-pahefa raiky ho azy ty mpanjaka, nanao hozao: "Ampolio aminy ze iaby anazy sady vokatsy ty baibony iaby zisiky amy ty andro nialany ty tany ka le zisiky amy zao."⁷Nana Damaskosy any tamy ze naharary i Beni-hadada any ty mpanjaka i Syria i Elisa. Nivolany ty mpanjaka hozao: "Niavy eto lahilahin-Janahary iny." ⁸Hoy ty mpanjaka tamy i Hazaela: "Mandaiza fanomezà an-tananao eny sady mandehana mitsena lahilahin-Janahary iny, sady manontanea an'Yaveh amy ty alalany, manao hozao: "Ho afaky amy arety zao va zaho?" ⁹Le nandeha nitsena azy i Hazaela sady nanday fanomezà tamy ze raha-soa isan-karazany baka Damaskosy ao, nandesy rameva efaolo. Le niavy i Hazaela sady nitsanga taloha i Elisa eo ka le nanao hozao: "Ty anakilahinao Beni-hadada mpanjaka i Syria ro naniraky ahy ho aminao atoy, manao hozao: 'Ho afaky amy arety zao va zaho?'" ¹⁰Hoy i Elisa taminy: "Mandehana, volano i Beni-hadada hozao: 'Ho afaky vatany iha', nefa Yaveh fa nampitoto ahy fa ho maty vatany ie." ¹¹Le nieritseritsy an'i Hazaela zisiky-mahamenatsy azy i Elisa, le nitany lahilahin-Janahary iny. ¹²Nanontany i Hazaela hozao: "Nanino iha ro nitany, tompoko?" Namaly ie hozao: "Safe haiko ty raty ze hanovinao amy ty olo lakon'Israely. Handoro ty fiarova maherin-drozy iha, sady hamono ty pamarakin-drozy amy ty meso-bey, handrasà ty anaky malinikin-drozy iha, sady handriatsy ty ampela bevoka amin-drozy ao."¹³Hazaela namaly hozao: "Ia moa mpiasanao toy, ro hanao raha bevata zay ie? Alike avao koa ie." Namaly i Elisa hozao: "Fa natoro Yaveh ahy fa hanjary mpanjaka i Syria iha." ¹⁴Le niala an'i Elisa i Hazaela sady nana amy ty tompony any, ze nivola taminy hozao: "Ino ro nivolany i Elisa taminao?" Namaly ie hozao: "Nivola tamiko ie fa ho afaky vatany iha," ¹⁵Sady ty hamaray ro nangalaky dofotsy i Hazaela sady nampitsoboky zay tanay ty rano ao, sady nampivelatsy zay tamy ty tarehy i Beni-hadada ao mba ho maty ie. Le nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny i Hazaela. ¹⁶Tamy ty tao fahalimany nanjaka i Jorama anakilahy i Ahaba, mpanjakan'Israely, le nanomboky nanjaka i Jehorama. Ie ro anakilahy i Josafata mpanjaka i Joda. ¹⁷Jehorama le telopolo roa amby tap ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka tanay ty valo tao ta Jerosalema ao ie. ¹⁸Nandeha tamy ty lala ty mpanjakan'Israely i Jehorama, manahaky ze nanovy ty longo i Ahaba; safe nana ty anak'ampela i Ahaba ho valiny ie, ka le nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. ¹⁹Ndra zay aza, noho ty amy i Davida mpiasany, le tsy te-handrava an'i Joda Yaveh, sefa nivola taminy Ie fa hanome azy tanteraky zisiky farany. ²⁰Tamy ty andro i Jahorama, le niharo nanohitsy ty tana i Joda i Edoma, sady nampipetsaky mpanjaka ho ahy ty vatany ndrozy. ²¹Bakeo le nanapaky niarakany tamy ty mpifehiny rey noho ty kalesany iaby i Jehorama. Le nitsanga ie lafa niavy ty haly ka le nanafiky sady namango Edomita rey, ze niodidy azy noho ty mpifehy ty kalesa rey. Le nilay tan-tsanon-drozy any ty tafiky i Jehorama rey. ²²Ka le niharo nanohitsy ty tafiky i Joda zisiky farany i Edoma. Niharo avao koa i Libna tamy fotoa io. ²³Sady ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Herohana rey, ze iaby nanoviny, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tanatara ty mpanjaka i Joda ao va zay? ²⁴Maty sady nijano niarakany tamy ty razany i Jehorama, sady nalevy niarakany tamy ty razany tan-tanà i Davida ao. Le i Ahazia anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ²⁵Tamy ty faha folo roa amby tao nanjaka i Jorama anakilahy i Ahaba, mpanjakan'Israely, ro nanomboky nanjaka i Ahazia, anakilahy i Jehorama, mpanjaka i Joda. ²⁶Ropolo roa amby tao i Ahazia ro nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty tao raiky ta Jerosalema ao ie. Ty anaran-dreniny Ie Atalia; ie ro anak'ampela i Omry, mpanjakan'Israely. ²⁷Sady nandeha tamy ty alala ty longo i Ahaba i Ahazia rey; nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie, manahaky ze nanovy ty longo i Ahaba, safe i Ahazia ro vinanto lahy tamy ty tariha i Ahaba. ²⁸Nandeha niarakany tamy i Jorama anakilahy i Ahaba i Ahazia, mba hialy amy i Hazaela, mpanjaka i Syria, a-Ramota-gileada ao. Nandratsy an'i Jorama ty Syria. ²⁹Nimpoly i Jorama mpanjaka mba hotsaboy a-Jezirela any amy ty ratsy ze nanovy ty Syria taminy ta Rama ao, lafa nialy tamy i Hazaela mpanjaka ie. Sady i Ahazia anakilahy i Jehorama, mpanjaka i Joda, nijotso ho a-Jezirela any mba hanenty an'i Jorama anakilahy i Ahaba, safe naratsy i Jorama.

Chapter 9

¹Nikaiky ty raiky tamy ty ana ty olo to-resaky rey i Elisa to-resaky ka le nanao taminy hozao: "Misalora ho ahy ty lia, sady rambeso an-tananao eo tavoangy kelikely misy solo-bonio toy sady mandehana a-Ramota-gileada any.

²Lafa niavy ie, le ilao i Jrho anakilahy i Josafata ana i Nemsy, ka le milira sady ampitsangano amy ty namany eo rey sady andeso anay efitsy anainy raiky ao ie. ³Sady alao ty tavoangy misy solo-bonio ka le araraho anabo ty lohany eo sady volano hozao: "Zao ro volany i Yaveh: "Fa nihosorako ho mpanjaka amy Israely eo iha." Bakeo le sokafo ty varavara, ka le milaisa; le mba ka malemitemy."⁴Sady mandeha ta-Ramota-gileada any, azy pamaraky iny, olo to-resaky. ⁵Lafa niavy ie, ndreo, nipetsaky ty kapiteny ty tafiky. Sady hoy azy olo to-resaky zatovo iny: "Nanday hafatsy ho ahy nao zaho, kapiteny." Jeho namaly hozao: "Ho an'ia aminay zay?" azy olo to-resaky zatovo iny namaly hozao: "Ho ahy nao, kapiteny." ⁶Ka le nitsanga i Jeho sady nilitsy tan-tsano any, sady nararaky azy olo to-resaky zatovo iny tanabo ty lohany eo ty solo-bonio ka le hoy ie tamy i Jeho: "Zao ro volany Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny: 'Fa nanosotsy anao ho mpanjaka tamy ty olo Yaveh eo, tamin'Israely eo Zaho." Tsy maintsy vononao ty longo i Ahaba tomponao, mba hamaleako faty ty lio ty olo to-resaky ty mpiasako rey, noho ty lio ty mpiasa Yaveh iaby rey, ze nivonao ty tana i Jezebel. ⁸Fa ho rava ty longo i Ahaba iaby, sady ho haravako amy i Ahaba eo ty anakilahy iaby, ndra andevo zay ndra olo afaky.⁹Hanoviko manahaky ty longo i Jeroboama anakilahy i Nebata noho manahaky ty longo i Basa anakilahy i Ahia ty longo i Ahaba. ¹⁰Alika rey ro hihina an'i Jezebel a-Jezeria ao, sady tsy hisy olo handevy azy." Sady nisokafy azy olo to-resaky iny ty varavara ka le nilay ie. ¹¹Sady Jeho niboaky tamy mpiasa ty tompony rey eo, sady nisy raiky nivola taminy hozao: "Mandeha soa va ty raha-iaby? Nanino ro aminao olo mariry say iny? Jeho namaly androzy hozao: "Hainareo olo iny sady hainareo ze raha volaniny." ¹²Hoasa ndrozy: "Vandy zay. Volano anay." Jeho namzly hozao: "Manahaky zay noho zay ro nivolaniny tamiko, sady hoy koa ie hozao: "Zao ro volany Yaveh: "Fa nanosotsy anao ho mpanjaka tamy Israely eo Zaho."¹³Sady le samby nangalaky malaky ty sikiny ambaliky ndrozy ka le nampipetsaky zay tambany ty esikalié eny. Nitsiofin-drozy ty trompetsa sady hoy ndrozy hozao: "Mpanjaka i Jeho."¹⁴Zay ro fomba niharoa i Jeho anakilahy i Josafata anaky i Nimsy hanohitsy an'i Jorama. Sady Jorama mpanjaka fa niaro an'i Ramota-gileada, ie noho ty Israely iaby, noho i Hazaela mpanjaka i Syria, ¹⁵nefa nimpoly ta Jezirela any i Jorama mpanjaka mba ho afaky any ratsy ze nanovy Syria any azy, lafa nialy tamy i Hazaela mpanjaka i Asyria ie. Hoy i Jeho tamy ty mpiasa i Jorama rey: "Laha zay ty hevitsinareo, le mba ka enga hisy olo hiala sady hiboaky ty tanà, mba hivola vaovao zao a-Jezirela any." ¹⁶Ka le niondra kalesa nana Jezirela any i Jeho; safe nangalaky ay tany i Jorama. Sady nandeha nijotso mba hamonjy amy i Jorama i Ahazia mpanjaka i Joda. ¹⁷Nitsanga tamy ty tilikambo i Jezirela eo ty mpitily, Sady hitany namonjy baka lavitsy nama i Jeho rey; hoy ie: "Mahajilo halakoa ty olo mamonjy zaho." Jorama nanao hozao: "Mangalà mpiondra sovaly raiky, sady alefaso mba hitsena androzy ie; volano ie mba hivola hozao: 'Niavy mba hilongo va nareo?'" ¹⁸Ka le nalefa hitsena azy mpiondra-sovaly iny; sady hoy ie: "Zao ro volany ty mpanjaka: 'Niavy mba hilongo va nareo?'" Sady hoy i Jeho: "Py ino moa iha noho ty longo? Miodiky sady manoriha ahy." Sady nivola tamy ty mpanjaka azy mpitily iny hozao: "Nitojiky tamin-drozy azy mpanday hafatsy iny, nefa tsy nimpoly ie."¹⁹Sady nandefa mpiondra-sovaly raiky faharoé ie, ze nana amin-drozy eny ka le nanao hozao: "Zao ro volany ty mpanjaka: 'Niavy mba hilongo va nareo?'" Jeho namaly hozao: "Py ino moa iha noho ty longo? Miviona sady manaraha why." ²⁰Nanesy ndraiky azy mpitily iny hozao: "Nitojiky tamin-drozy ie, neda tsy nimpoly. Fa ty lala ze nandaisa kalesa ro lala nandehana i Jeho anakilahy i Nimsy; le nirifotsy maré ie."²¹Ka le hoy i Jorama: "Omano ty kalesako." Sady nihomanin-drozy ty kalesany, sady samby niondra ty kalesany iaby, i Jorama mpanjakan'Israely noho i Ahazia mpanjaka i Joda, mba hotojiky amy i Jeho. Hitan-drozy famy ty tanà i Nabota ao azy Jezirelita iny ie. ²²Lafa hita i Jorama i Jeho, le hoy ie: "Niavy mba hilongo va iha, Jeho?" Namaly ie hozao: "Ino ro filongoa eo, laha mbo lako maré koa ty fanompoan-tsampy amy ty asa famarotam-bata noho ty aoly raty i Jezebel reninao?"²³Sady navily i Jorama ty kalesany ka le nilay ue sady nivola tamy i Ahazia hozao: "Misy fitaky, Ahazia." ²⁴Sady le nampary i Jeho tamy ty heriny iaby ty kititsiny ka le nitifiriny tanila ty soroky i Jorama eo; nitsatoky tamy ty fony ty anaky-kititsy, ka le nilavo baka amy ty kalesa eo ie. ²⁵Sady hoy i Jeho tamy i Bidkara kapiteniny: "Alao ie sady atoraho amy ty baibo i Nabota ao Jezirelita iny. Tiarovo tamy ty zaho noho iha niaraky nanday kalesa nanoriky an'i Ahaba babany, le nampipetsaky faminania zay handrava azy i Yaveh: ²⁶Yaveh nanambara hozao---"Nahita ty lio i Nabota noho ty lio anakilahiny rey Zaho nomaly---sady hampanonitsy anao zay amy ty baibo eto vatany Zaho---hoy Yaveh. Ka le amy zao, alao ie sady atoraho amy baibo io eo, manahaky ty safa Yaveh."²⁷Lafa nahita zay i Ahazia mpanjaka i Joda, ro nilay niakatsy tamy ty lala mana a-Beta Hagana any ie. Fa i Jeho nanoriky azy, sady nanao hozao: "Vonó amy ty kalesa eo avao koa ie," sady nitifirin-drozy tamy ty fiakara eo ho a-Gora any, ze anila i Jibleama eo ie. Nilay ta Megido any i Ahazia ka le maty tany. ²⁸Nandesy ty mpiasany tamy ty kalesa nana Jerosalema any ty tafikiny sady nalevy tamy ty lolony niaraky amy ty razambeny

ao tan-tanà i Davida ao ie.²⁹Sady tamy ty faha folo raiky amby tao nanjaka i Jorama anakilahy i Ahaba ro nanomboky nanjaka tamy i Joda eo i Ahazia.³⁰Lafa niavy ta Jezirela ao i Jeho, le ré i Jezebela zay, sady nandoko ty masony, noho nibango ty volony, sady nijilo tan-dafonety eo ie. ³¹Laha nilitsy ty vavahady i Jeho, le hoy ie taminy hozao: "Niavy mba hilonjo va iha, Zimry, mpamono ty tomponao?" ³²Niandra-andra tan-dafonety eny i Jeho sady hoy ie: "Ia ro miaraky amiko? Ia?" Bakeo le nisy tandapa roe ndra telo nijilo. ³³Ka le hoy i Jeho: "Alatsaho ie." Ka le nalatsakin-drozy i Jezebela, sady ty ilany tamy ty liony nipitipitiky tamy ty rindry eny noho ty sovaly, ka le nikosekosehy i Jeho tamy ty tombony ie. ³⁴Lafa nilitsy tamy ty lapa i Jeho ao, le nihina noho nino ie. Sady hoy ie: "Hentao amy ze ampela voahozo sady aleveno ie, fa anak'ampela ty mpanjakae."³⁵Nandeha nandevy azy ndrozy, nafa tsy nahita hafa-tsy karandoha, noho tomboky, sady ty ratsan-tanany ndrozy. ³⁶Ka le nimpoly ndrozy sady nivola tamy i Jeho. Hoy ie: "Zao ty safa i Yaveh ze nivolaniny tamy ty alala i Elia azy Tisibita piasany iny, manao hozao: 'Amy ty tany ao a-Jezirela ao ro hihinana ty alika ty nofotsy i Jezebela rey, ³⁷sady ty tafiky i Jezebela ro manahaky ty zeziky amy ty velara ty baibo eo amy ty tany eo a-Jezirela ao, mba tsy hisy olo afaky hivola hozao: "Jezebela io."'"

Chapter 10

¹Sady nana tariha fitopolo ta Samaria any i Ahaba. Nanoratsy taratasy i Jeho ka le nandefa zay ta Samaria any, ho ahy ty mpanapaky an'i Jezirela rey, tanay zay ao ty olo bey noho mpiemby ty tariha i Ahaba rey, nivola hozao:

²"Aminareo eo ty tariha ty tomponareo rey, sady mana kalesa noho sovaly sady tanà voaaro noho siky fiarova avao koa nareo. Laha zay, laha vo niavy aminareo eo taratasy toy, ³le teako ze soa noho mendriky bibiky amy ty tariha ty tomponareo ka le apetsaho ho amy ty seza fipetsaha babany eo ie, sady mialia ho ahy ty longo ty mpanjaka tomponao." ⁴Fa nihorohoro ndrozy ka le nifampivola hozao: "Ingo, mpanjaka roe aza tsy nahajano tanila i Jeho eo. Ka le nino moa ro himpijanonantsiaka?" ⁵Bakeo lahilahy ze miantoky ty lapa iny, noho lahilahy ty mpanapaky ty tanà iny rey, noho olo bey rey avao koa, sady ze niteza aja rey, le nandefa safa nimpoly tamy i Jeho any, nivola hozao: "Mpiasanao zahay. Hanovinay ze iaby hibekoanao anay, tsy hampipetsaky olo ho mpanjaka zahay. Anovo ze hainao fa mety amasonao eo." ⁶Sady nanoratsy taratasy fanindroeny ho androzy i Jeho, nivola hozao: "Laha miandany amiko nareo, sady laha mijanjy ty feoko nareo, le tsy tapahinareo ty loha ty lahilahy rey tariha ty tomponareo, sady Mamonjea amiko atoy Jezirela hamaray amy ty ora toy zao." Amy zao ty tariha ty mpanjaka rey, mihisa fitopolo, le niaraky tamy ty lahilahy manan-danja tan-tanà eo, ze niteza androzy. ⁷Ka lafa niavy tamin-drozy eo taratasy iny, le nalany anakilahy ty mpanjaka rey ka le nivonony, olo fitopolo, nanovy tanay sobiky ty lohan-drozy, sady nalefa tamy i Jeho any ta Jezirela any rey. ⁸Nisy mpanday hafatsy niavy tamy i Jeho eo, nivola hozao: "Fa nanday ty loha ty anakilahy ty mpanjaka ndrozy. " Ka le hoy ie: "Anovo atontan-draha roe ho amy ty vavahady filira eo ndrozy zisiky maray." ⁹Lafa maray i Jeho le niboaky ka le nitsanga, sady nivola tamy ty olo lako iaby hozao: "Tsy manan-tsiny nareo. Ingo, niharo tamy ty tompoko zaho ka le namono azy, fa ie ro namono iaby reto?" ¹⁰Amy zao le tokony ho tsapanareo vatany fa tsy nisy tamybty safa Yaveh, ty safa ze nivolaniny mikasiky ty longo i Ahaba, hiaraky amy ty tany, safa Yaveh ro nanao manahaky ze nivolaniny tamy ty alala i Elia mpiasany." ¹¹Ka le nivonoa i Jeho ze sisa tavela tamy ty longo i Ahaba ta Jezirela any, noho ty lahilahy manan-danjany rey, namany mariny rey, mpisorony rey, zisiky mahalany taminga ndrozy. ¹²Bakeo le nitsanga i Jeho ka le nandeha; nana Samaria any ie. Sady laha vo avy ta Bet-ekeda ao ty mpiemby aondry ie, ¹³le nitojiky tamy rahalahy i Ahazia mpanjaka i Joda rey. Hoy i Jeho tamin-drozy: "Ia nareo?" Namaly ndrozy hozao: "Rahalahy i Ahazia zahay, sady hijotso mba hanao akory ana ty mpanjaka noho ana i Jezebela Mpanjaka ampela rey zahay." ¹⁴Hoy i Jeho tamy ty lahilahiny rey: "Anovo sambo-velo ndrozy." Ka le nanovin-drozy sambo-velo ndrozy sady nivonony tamy ty lavaky famorian-drano i Bet-ekda any, efapolo roa amby lahy rey. Tsy nisy nengany ho velo ndrozy. ¹⁵Lafa niala teo i Jeho, le nitojiky tamy i Jonadaba anakilahy i Rekaba sady namonjy azy. Nanao akory azy i Jeho ka le nivola taminy hozao: "Miaraky amiko va ty fonao, manahaky ty foko ze miaraky amy ty anao?" Namaly i Jonadaba hozao: "Zay vatany." Hoy i Jeho: "Laha zay vatany ro ie, le ameo ahy ty tananao." Ka le namea i Jonadaba azy ty tanany, sady nampiakary i Jeho niaraky taminy tamy ty kalesany eo i Jonadaba. ¹⁶Hoy i Jeho "Miaraha amiko ka le henteo ty zotom-poko ho an'Yaveh. " Ka le niaraky nandeha taminy tamy ty kalesany ao i Jonadaba. ¹⁷Laha niavy ta Samaria any ie, le nivonoany i Jeho iaby ty tariha i Ahaba ze sisa tavela ta Samaria any, zisiky handravany ty longo i Ahaba mpanjaka, manahaky ze fa nivolanany tamin-drozy taloha any tamy ty alala ty safa Yaveh, ze nivolaniny tamy i Elia. ¹⁸Sady nampivory ty olo iaby niaraky i Jeho ka le nivola tamin-drozy hozao: "Ahaba ro nanompo an'i Bala kelikely avao, fa i Jeho koa hanompo azy maré. ¹⁹Amy zao sady kaiho ho amiko eto iaby olo to-resaky i Bala iaby, noho mpiasa rey azy iaby, sady mpisorony iaby. Engao tsy hisy tavela, safa mana fanomezaka bey hamea ho an'i Bala zaho. Ze iaby tsy niavy le tsy ho velo." Fa nanovy i Jeho zay mba ho famitaha, tamy ty faniriany hamono ty mpiasa i Bala. ²⁰Hoy i Jeho: "Manokàna fotoa raiky mba hanaova fivorika ho an'i Bala." ka le nambaran-drozy zay. ²¹Sady naniraky mameno an'Israely iaby noho mpiasa an'i Bala iaby rey i Jeho, mba tsy hisy olo tavela ka le tsy niavy. Niavy tamy ty egilizy i Bala ao ndrozy, sady atsiky ndra zisiky aia zisiky aia. ²²Nivola tamy lahilahy mpitariky ty salotsy ty mpisoro iny i Jeho hozao: "Ka le nampiboaky salotsy ho androzy lahilahy iny." ²³Sady nanjary niaraky tamy i Jonadaba anakilahy i Rekaba ho an-tsano i Bala ao i Jeho, sady hoy ie tamy ty mpiasa i Bala rey: "Henteo, sady anovo azo antoky fa tsy hisy baka amy ty mpiasa Yaveh ty raiky aminareo eto, fa mpiasa i Bala avao." ²⁴Le nandeha nanome soro noho fanomezaka oroa ndrozy. Sady nitingy lahilahy valopolo hitsanga ambaliky eo i Jeho, sady hoy ie tamin-drozy: "Laha misy tafatsoaky amy ty lahilahy rey ze andesiko an-tananareo eo, ndra ia ndra ia manenga olo zay hilay, le halà aminy ty ainy ho solo azy tafatsoaky iny." ²⁵Sady vatany vo vita i Jeho ty fanolora ty fanomezaka oroa, le hoy ie tamy azy mpiemby noho kapiteny iny: "Milira ka le vono ndrozy. Ka enga hisy ho tafaboaky. " ²⁶Ka le nivonon-drozy tamy ty meso-bey rey, sady ty mpiemby noho kapiteny nanoraky androzy tambalikinany any rey sady nilitsy tanefitsy anay ty tsano i Bala ao. Nitarihan-drozy niboaky ty andry vato tan-tsano i Bala ao, sady nioroan-drozy zay. ²⁷Bakeo le narobakin-drozy ty andry i Bala, ka le niravany ty tsano i Bala sady nanoviny tsano fiboaha, sady mandraka amy zao zay. ²⁸Manahaky

zay ro nandrava i Jeho ty fanompoa an'i Bala ta Israely any.²⁹ fa tsy niala ty fahota i Jeroboama anakilahy i Nebata rey i Jeho, ze nampanontany ty Israely_ze fanompoa ty aombilahy kelikely volamena ta Betela any noho Dana.

³⁰Ka le hoy Yaveh tamy i Jeho hozao: "Safe iha nanao ze soa ty fananteraha ze marina tamasoko eo, sady nanao ty longo i Ahaba manahaky ze iaby tam-poko, tarihanao rey ro hipetsaky amy ty seza fipetsahan'Israely fipetsahan'Israely zisiky amy ty tariha faha efatsy." ³¹Fa tsy nidary ze handeha amy ty lalà Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, tamy ty fony iaby i Jeho. Tsy niala tamy ty fahota i Jeroboama ie, ze nampanontany ty Israely.³² Tamy ty andro Yaveh rey ro nanomboky nametsy ty faritsy Israely, sady i Hazaela nandresy Israelita rey tamy ty sisin-tany ty Israely eny, ³³zisiky a-Jordana any ro ho antinana, ty tany i Gileada iaby, ty Gadita, sady ty Robenita, noho ty Manasita, baka Aroera any, ze baka amy ty baibo i Arnona eo, zisiky a-Gileada any ka le zisiky a-Basana any.³⁴ Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Jeho rey, noho ze iaby nanoviny, noho ty fahefany iaby, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao zay? ³⁵Nimaty niaraky tamy ty razambeny rey i Jeho, sady nalevin-drozy ta Samaria any ie. Sady i Joahaza anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo azy.

³⁶Ropolo valo amby tao ty fotoa nanjaka i Jeho tamy Israely eo ta Samaria any.

Chapter 11

¹Lafa hita i Atalia, reniny i Ahazia, fa maty ty anany, le nitsanga ie sady namono ty ana ty mpanjaka iaby. ²Nefa i Joseba, anak'ampela i Jehorama Mpanjaka sady anabavy i Ahazia, le nangalaky an'i Joasy ana i Ahazia, sady namony azy lavitsy tamy ty ana ty mpanjaka se nivono rey eo, miaraky amy ty mpiteza azy; nanoviny tamy ty efitsano firoroa ao ndrozy. ³Navonin-drozy an'i Atalia ie mba tsy hovanoe. Niaraky amy i Joseba ie, navony tan-tsano i Yaveh ao, tansy ty enin-tao, laha mbo nanjaka tamy ty tany i Atalia. ⁴ady tamy ty tao fahafito, le nandefa hafatsy noho nanday mpifehy rey ty Karita noho ty mpiemby an-jatony i Joiada, sady nanday androzy ho azy, tan-degilizy Yaveh ao. Le nanao fanenkea tamin-drozy ie, ka le nanoviny nanao vava tan-tsano Yaveh ao ndrozy. Bakeo le natorony androzy ty ana ty mpanjaka. ⁵Nibeko androzy ie, nanao hozo: "Zao ro tsy maintsy anovinareo. Ty telo aminareo ze niavy amy ty andro Sabata ro hiemby ty tsano ty mpanjaka, ⁶sady ty telo ho amy ty Vavahady ty Sora ao, sady ty telo am-bavahady ao afara ty tsano fiembena ao." ⁷Goropy roe hafa ze tsy manompo amy ty andro Sabata rey, ro tsy maintsy miemby ty tsano Yaveh ho ahy ty mpanjaka nareo. ⁸Tokony miodidy ty mpanjaka nareo, sady ty olo iaby miaraky amy ty kobay fialiany an-tanany eny. Ndra ia ndra ia militsy amy filaharanareo eo, le engao hovanoe ie. Tsy maintsy hanoriky ty mpanjaka nareo lafa miboaky, noho lafa militsy ie. ⁹Sady ty mpifehy an-jatony rey ro nankatò ty raha iaby ze nibekoa i Joiada mpisoro. Samby nangalaky ty olony ty kirai-draiky, ze nilitsy mba hanompo tamy ty Meso-bey re6, noho ze hijano hanompo tamy ty Meso-bey rey; le nandeha tamy i Joiada mpisoro rey ndrozy. ¹⁰Sady namea i Joiada mpisoro ty mpifehy an-jatony ty lefo noho ty fiaro ze ahy i Davida Mpanjaka noho ze tan-tsano Yaveh ao. ¹¹Sady nitsanga mpiemby rey, ty olo kirai-draiky miaraky amy ty kobay fialiany an-tanany eny, tan-kavana ty egilizy eo zisiky an-kavia, anila ty alitara noho ty egilizy, miodidy ty mpanjaka. ¹²Le nandesy i Joiada niboaky i Joasy ana ty mpanjaka, nametsahany satso-boninahitsy, sady nameany azy ty lily fanenkea. Le nanoviny mpanjaka noho nihsoran-drozy ie. Nitehaky ndrozy sady nivola hozo: "Ho ela velo lahy ty mpanjaka!" ¹³Lafa ré i Atalia ty korakoraky ty mpiemby noho ty olo, le nana amy ty olo tan-tsano Yaveh ao ie. ¹⁴Nenenty ie, sady ingo, ty mpanjaka nitsanga tanila ty tsangam-bato eo, manahaky ty fanovy, sady ty kapiteny noho ty mpitsoky tsompetsa rey ro tanila ty mpanjaka eo. Sady ty olo iaby tamy ty tany eo ro nifaly noho nitsoky tsompetsa. Le nanataky ty salony i Atalia ka le nikoraky maré hozo: "Mpamitaky! Mpamitaky!" ¹⁵Bakeo i Joiada mpisoro nibeko ty mpifehy an-jatony ze tamy ty tafiky rey, nanak hozo: "Aboaho an-dahara eo ie, le vono amy ty meso-be ie." Fa ty mpisoro nivola hozo: "Ka enga hovanoe amn-tsano Yaveh ao ie." ¹⁶Ka le nanambotsy azy ndrozy laha niavy tamy toera ze filira ty sovaly iny tan-kianja ty lapa eo ao ie, sady teo ro namonoa azy. ¹⁷Sady nanao fanenkea tamy Yaveh eo noho ty mpanjaka sady ty olo lako i Joiada, sady tamy ty mpanjaka eo noho ty olo avao moa, mba ho olo Yaveh ndrozy. ¹⁸Sady ty olo iaby tamy ty tany nana amy ty tsano i Bala eo any ka le nanimba zay. Nanorotoro alitara i Bala rey noho ty sampiny voasokitsy ndrozy, sady namono an'i Matana, azy mpisoro i Bala iny taloha ty alitara eo ndrozy. Sady Joiada mpisoro nitingy ty mpiemby rey nifehy ty egilizy Yaveh. ¹⁹Nandesy i Joiada nanoriky azy ty mpifehy an-jatony, Karita rey ty mpiemby, sady ty olo iaby tamy ty tany eo, sady niaraky nanday ty mpanjaka nijotso baka an-tsano Yaveh any ndrozy, ka le nilitsy tan-tsano ty mpanjaka ndrozy, militsy amy ty lala am-bavahady ty mpiemby rey eo. Nangalaky ty toerany tamy ty seza fipetraha ty mpanjaka eo i Joasy. ²⁰Sady nifaly ty olo iaby tamy ty tany eo, ka le nilamy ty tanà tafara ty namonoa an'i Atalia tamy ty meso-bey tan-tsano ty mpanjaka ao. ²¹Fito tao i Joasy ro nanomboky nanjaka.

Chapter 12

¹Tamy ty fahafito tao nanjaka i Jeho, ro nanomboky ty fanjaka i Joasy; nanjaka tanay ty efapolo tao ta Jerosalema ao ie. Zibna ro anaran-dreniny, baka a-Beri-sheba any.² Nanao ze marina tamaso Yaveh eo i Joasy tamy ty fotoa iaby, safe nampianatsy azy i Joiada mpisoro. Nefa toera abo tsy niravà rey.³ Mbo nanao soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo rey avao ty olo lako.⁴ Hoy i Joasy tamy ty mpisoro rey hozao: "Ty jala iaby ze nandesy ho fanomeza masy tan-tsano Yaveh ao, le ty jala ze niharoa ty olo kirai-draiky—ndra ty jala navory tamy ty fanisaha ty olo lako zay, ndra ty jala azo tamy ty vava manoka, ndra ty jala nandesy ty olo tamy ty fandrisiha i Yaveh tam-pon-drozy so mba hanome---⁵le tokony ho rambesy ty mpisoro ty jala baka amy ty raiky amy ty hananan-drozy sady hamboara ze fahavoaza hita tan-degilizy ao."⁶Fa tamy ty faha ropolo telo amby tao nanjaka i Joasy Mpanjaka, le tsy namboatsy ndra ino ndra ino tan-degilizy ao mpisoro rey.⁷Sady nikaiky an'i Joiada mpisoro noho mpisoro hafa i Joasy mpanjaka rey; hoy ie tamin-drozy hizao: "Nanino nareo ro tsy namboatsy ndra ino ndra ino tan-degilizy ao? Amy zao aza mangalaky jala amy ty mpandoa haba sasy, fa rambeso ze fa voaory mba hanamboara ty egilizy sady ameo androzy ze afaky manao ty famboara zay."⁸Laha zay le nanenky tsy nahitaky jala amy ty olo lako noho tsy hamboatsy ty egilizy sady mpisoro rey.⁹Fa koa, nangalaky vata raiky Joiada mpisoro, nandoaky ty sarony, sady nampipetsaky zay tanila ty alitara eo, tankavana ty filira amy ty tsano Yaveh eo. Mpisoro ze nandiny ty filira an-degilizy ao rey ro nampipetsaky ty jala iaby ze nandesiny ho an-tsano Yaveh ao tamy zay ao.¹⁰Isaky ty hitan-drozy fa be jala tanay vata iny ao, le niavy ty mpanora-dalà ty mpanjaka noho ty mpisoro bey sady nampipetsaky ty jala tanay kitapo ao sady manisaky zay bakeo, jala hita tan-degilizy Yaveh ao iny.¹¹Namean-drozy tan-tana ty lahilahy ze nikarakara ty egilizy Yaveh rey eo ty mpandrafitsy noho ty mpamboatsy ze niasa tan-degilizy Yaveh ao zay,¹²sady ho ahy ty mpamboatsy tsano noho mpipaiky vato rey, mba hivilia hazo noho vato voapaiky mba hanamboara ty egilizy Yaveh, noho ho ahy ty raha iaby ze ilà vily hamboara zay.¹³Fa ty jala nandesy tan-tsano Yaveh ao ro tsy nanomeza hivilia lovia volafoty, meso, lovers, trompetsa, ndra enta volafoty ndra volamena ho ahy zay.¹⁴Namean-drozy an'i ze nanao ty asa famboara tsano Yaveh iny rey jala zay.¹⁵Fanampy zay, tsy nangataky jala namea hananova famboara iny mba ho hisa ty lahilahy ze nandramby zay rey ndrozy sady nanome zay ho ahy ty mpiasa rey, safe marina lahilahy rey.¹⁶Fa ty jala ho ahy ty fanomeza noho ty keloky noho ty fanomeza noho ty ota le tsy nandesy tan-degilizy Yaveh ao, safe ahy ty mpisoro rey zay.¹⁷Sady nanafaky noho nialy tamy i Gata i Hazaela mpanjaka i Syria sady nahazo zay. Bakeo le nitoliky hanafiky an'i Jerosalema i Hazaela.¹⁸Nalà i Joasy mpanjaka i Joda ty raha iaby ze natoka i Josafata noho Jerohama sady Ahazia, razambeny rey, mpanjaka i Joda rey, noho ty volamena hita tamy ty efitsy fanajaria ao tan-tsano i Yaveh noho ty mpanjaka ao sady nandefa rey tamy i Hazaela mpanjaka i Syria any. Le nanjary niala ta Jerosalema ao i Hazaela.¹⁹Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Joasy rey, ze iaby nanoviny, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tanatara ty mpanjaka i Joda ao va zay?²⁰Nitsanga mpiasany rey sady niaraky nanao tetiky; nitafihin-drozy ta Betimilo so i Joasy, amy ty lala mijotso mana Sila any.²¹Nitafihy i Jozakara anakilahy i Simata, noho Jozabada anakilahy i Somera, mpiasany ie, ka le maty. Nalevin-drozy niaraky tamy ty razambeny tamy ty tanà i Davida ao i Joasy, sady Amazia, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 13

¹Tamy ty faha ropolo telo amby tao naha-mpanjaka i Joda an'i Joasy anakilahy i Ahazia, ro nanomboky nanjaka tamy Israely eo ta Samaria any i Joahaza; folo fito amby tao ie ro nanaka. ²Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie sady nanaraky ty fahota i Jeroboama ty anakilahy i ebata rey, ze nahavy an'Israely hanota; sady tsy niala tamy zay i Joahaza. ³Nasiaky tamy Israely ty heloky i Yaveh, sady nanome androzy tan-tana i Hazaela mpanjaka i Syria eny zisiky farany any Ie sady tan-tana i Beni-Hadada eny anakilahy i Hazaela. ⁴Ka le nangataky an'Yaveh i Joahaza, sady nijanjy azy Ie safe hitany ty fampijalea ty Israely, ty fomba nampijalea ty mpanjaka i Syria androzy. ⁵Ka le namea Yaveh mpamonjy ty Israely, sady niala baka amy ty tana ty Syriana rey ndrozy, sady ty ana Israely nanomboky nipetsaky tamy ty fipetrahany rey any manahaky ze nanan-drozy taloha any. ⁶Ndra zay aza anefa, le tsy niala tamy fahota ty longo i Jeroboama rey ndrozy, ze nahavy ty Israely hanota, sady nanohy zay ndrozy, sady ty bao Aseraha nijano ta Samaria any. ⁷Ka le nila an'i Joahaza ty Syriana rey niaraky tamy ty mpiondra-sovaly dimampolo, kalesa folo, sady maramila an-tomboky raialy avao, fa ty mpanjaka i Syria fa nandrava androzy, sady nanao androzy manahaky ty lila amy ty fotoam-pikosoham-bary. ⁸Laha ty amy raha hafa mikasiky an'i Joahaza rey, noho ze nanoviny iaby sady ty fahefany, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao va zay? ⁹Ka le nimaty tamy ty razany rey any i Joahaza, sady nandevy azy ta Samaria any ndrozy. Le anakilahiny i Joasy ro nanjary mpanjaka tamy ty pilasiny eo. ¹⁰Tamy ty faha telopolo fito amby tao naham-panjaka i Joda an'i Joasy, tu fanjaka i Joasy anakilahy i Joahaza ro nanomboky tamy Israely eo ta Samaria any; fool enin'amby tao ro nanjakany. Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. ¹¹Tsy mbo niala tamy ty fahota i Jeroboama rey ty anakilahy i Nebata ie, ze nahavy an'Israely hanota, fe tamy rey ro nandehanany any, ¹²Laha ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Joasy rey, noho ze nanoviny iaby, sady ty heriny tamy ze nialiany tamy i Amazia mpanjaka i Joda rey, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka ty Israely rey va zay? ¹³Le nimaty tamy ty razambeny i Joasy rey, sady i Jeroboama ro nipetsaky tamy ty seza fipetsahany eo. Le nalevy niaraky tamy ty mpanjaka ta Samaria any i Joasy rey. ¹⁴Sady narary noho ty arety raiky ze nahafaty azy i Elisa tafara tato, ka le nijotso taminy any i Joasy mpanjakan'Israely sady nitany taminy eo. Hoy ie hozao: "babako e, babako e, kalesa ty Israely noho ty mpiondra-sovaly rey ro mangalaky anao!" ¹⁵Le hoy i Elisa taminy: "Mangalà kititsy sady anakititsy lako" Ka le nangalaky kititsy noho anakititsy lako i Joasy. ¹⁶Hoy i Elisa tamy ty mpanjakan'Israely hozao: "Anovo amy kititsy iny eo ty tananao," Ka le nanoviny tamy zay ty tanany. Bakeo nipetsaky i Elisa tamy ty tana ty mpanjaka eo ty tanany. ¹⁷Hoy i Elisa hozao: "Vohao manantinana ty lafonety." Le nivohany zay. Le hoy i Elisa hozao: "Tifiro", ka le nitifitsy ie. Le hoy i Elisa: "Zay ro anakititsim-pamdresea i Yaveh, anakititsim-pandrea Yaveh tamy i Syria eo, fa hanafiky Syriana rey Afeka any iha zisiky mahavelo anao rozy." ¹⁸Le hoy i Elisa hozao: "Rambeso anakititsy rey," ka le nirambesy i Joasy rey. Le hoy ie tamy ty mpanjakan'Israely hozao: "Vangò amy rey ty tany," ka le namango ty tany intelo ie, sady nijano bakeo. ¹⁹Fe neloky taminy lahilahin-Janahary iny ka le nanao hozao: "Tokony indimy ndra in'eny ro namangoanao ty tany. Bakeo le tokony nanafiky an'i Syria iha zisiky handravako zay, nefa amy zao intelo avao iha ro hanafiky an'i Syria." ²⁰Bakeo le maty i Elisa, sady nandevy azy rozy. Sady nisy andia Moabita nanafiky ty tany tamy ty fanomboha ty tao. ²¹Laha nandevy ty lahilahy rey ndrozy, le nahita andia Moabita raiky ie, ka le nanoraky vata iny tan-dolo i Elisa ao. Laha vatany vo nikasiky ty taola i Elisa ty vata manitsy ty lahilahy iny, le velo ndraiky ie sady nitsanga. ²²Nampijaly Israely rey amy ty andro i Joahaza mpanjaka iaby i Hazaela mpanjaka i Syria. ²³Nefa namako fo ty Israely i Yaveh, ka le nangoraky androzy sady nivola androzy, noho ty fanenkeam-pilongoa nanoviny tamy i Abrahama, Isaka, sady Jakoba. Ka le tsy nandrava androzy i Yaveh, sady mbo tsy nandroaky androzy tamy ty famonjeany Ie. ²⁴Maty i Hazaela mpanjaka i Syria, ka le i Beni-hadada anakilahiny ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo. ²⁵Nampimpoly tanà ze nalà tamy i Joahaza babany rey tamy ty aly tamy i Beni-hadada ana i Hazaela i Joasy ana i Hazaela. Intelo i Joasy ro nanafiky azy, sady nangalaky ty tanàn'Israely rey ndraiky ie.

Chapter 14

¹Tamy ty faha roe tao naha-mpanjaka an'i Joasy anakilahy i Joahaza, mpanjakan'Israely, ro nanomboky nanjaka i Amazia ana i Joasy, mpanjaka i Joda. ²Ropolo limy amby tao ie ro nanomboky nanjaka; nanjaka ropolo sivy amby tao ta Jerosalema ao ie. Ty anara ty reniny ro i Joadana, baka Jerosalema any. ³Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, fa tsy manahaky an'i Davida babany. Ie ro nanao ty raha iaby ze nanovy i Joasy, babany. ⁴Fe tsy nalany toera abo rey. Nanohy nanao soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo rey eny ty olo. ⁵Sady laha vatany vo tafapetraky soa ty fandaisany, le nivonony mpiasa ze namono ty babany rey, le ty mpanjaka. ⁶Fa mbo tsy nivonony ty ana ty mpamono olo rey, fa nanao manahaky ty voasoratsy tamy ty lalà ao, tamy ty Boky i Mosesy ao koa ie, manahaky ty fa nibekoa Yaveh, nanao hozo: "Tsy tokony ho vonoe noho ty fahota ty anany raiky rey, ndra ho vonoe noho ty fahota ty ndaty-beiny rey ty anany. Fa ty olo kirai-draiky koa ro tokony ho vonoe noho ty fahotany manoka." ⁷Namono maramila Edomita ray aly ie tamy ty Loham-baibo-sira ao ie; nalany tan'aly ao avao koa i Sela, sady nikaihiny hozo: Joktela, ze fikaiha azy zisiky amy zao. ⁸Sady nandefa mpanday hafatsy ho amy i Joasy anakilahy i Joahaza any, anakilahy i Jeho, mpanjakan'Israely i Amazia nanao hozo: "Avia, ndao tsika hifanina an'aly any." ⁹Fe Joasy mpanjakan'Israely ro nandefa mpanday hafatsy himpoly tamy i Amazia mpanjaka i Joda any, nanao hozo: "Ty fatiky ze ta Libanona any ro nampanday hafatsy ho ahy ty sedera ta Libanona ao, nanao hozo: 'Ameo ho valy ty anakilahiko ty anak'ampelanao,' fe nisy bibi-ly nandalo sady nanitsaky fatiky iny. ¹⁰Fa nanafiky an'i Edoma vatany iha, fa nanondrotsy anao ty fonao. Mirengerengea amy ty fandresenao, fe mijanona an-tsano ao, fa nanino iha ro tokony hanakoronta noho handavo ty vatanao, le iha noho i Joda niaraky taminao?" ¹¹Fa tsy nijanjy i Amazia. Ka le nanafiky i Joasy mpanjakan'Israely sady nifankahita ta Bety-semesy ao ie noho Amazia, mpanjaka i Joda, ze an'i Joda. ¹²Resin'Israely i Joda, sady nilay noly ty lahilahy iaby. ¹³Nisambory i Joasy mpanjakan'Israely ta Beti-semesy ao i Amazia mpanjaka i Joda ana i Joasy anakilahy i Ahazia. Niavy ta Jerosalema ao ie sady nandrobaky ty rindry nanomboky tamy ty vavahady i Efraima eo le zisiky amy ty Vavahady Zorony any, efajato hakiho ty halavirany. ¹⁴Nalany iaby ty volamena noho ty volafoty iaby, raha iaby hita tan-tsano Yaveh ao, noho raha manan-danja iaby tamy ty lapa ty mpanjaka ao rey, niaraky tamy ty takalon'ay ao avao koa, sady nimpoly ta Samaria any ie. ¹⁵Laha ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Joasy, ze iaby nanoviny, ty fahefany, sady ty fomba nialiany tamy i Amazia mpanjaka i Joda, moa tsy fa voasoratsy anay ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao va zay? ¹⁶Sady nimaty niaraky tamy ty razambeny rey i Joasy sady nalevy ta Samaria any niaraky tamy ty mpanjakan'Israely, sady Jeroboama, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo azy. ¹⁷Amazia ana i Joasy, mpanjaka i Joda, le niay folo limy amby tao tafara ty nahafaty an'i Joasy, ana i Joahaza, mpanjakan'Israely. ¹⁸Laha ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Amazia rey, moa tsy fa voasoratsy anay ty boky tantara ty mpanjaka i Joda ao va zay? ¹⁹Nanao tetiky hanohera an'i Amazia ta Jerosalema ao ndrozy, sady nilay ta Lakisy any ie. Nilay ta Lakisy any ie, fe nandefa lahilahy hanoriky azy ta Lakisy any ndrozy sady namono azy tany. ²⁰Nandesin-drozy nimpoly tamy ty sovaly ie, sady nalevy niaraky tamy ty razambeny tamy ty tanà i Davida ao. ²¹Ty olo lako i Joda iaby le nangalaky an'i Azaria, ze folo enin'amby tao, sady nanao azy ho mpanjaka tamy ty toera i Amazia babany eo. ²²Azaria to namboatsy ndraiky an'i Elota sady nampimpoly zay ta Joda ao, sady nimaty niaraky tamy ty razambeny i Amazia. ²³Tamy ty faha folo limy amby tao naha-mpanjaka an'i Amazia, anakilahy i Joasy mpanjaka i Joda, ro nanomboha i Jeroboama anakilahy i Joasy mpanjakan'Israely nanjaka ta Samaria ao; nanjaka tanay ty efapolo raiky amby tao ie. ²⁴Nanao raty tamaso Yaveh eo ie. Tsy niala tamy ty fahota nanovy i Jeroboama anakilahy i Nebata rey ie, ze nahavy ty Israely hanota. ²⁵Nampimpoly ty sisin-tany Israely nanomboky ta Lebo Hamata eo le zisiky amy ty Riaky ty Arabà ie manahaky ty safa Yaveh, Njanaharin'Israely iny, ze fa nivolany tamy i Jona mpiasany ana i Amitahy, azy olo to-resaky iny, baka a-Gata-hefera any. ²⁶Fa hita Yaveh ty fijalea ty Israely, ze tena naharary tamy ty kirai-draiky, ndra ty andevo ndra ty tafiky, sady tsy nisy mpanavotsy ty Israely. ²⁷Ka le nivola Yaveh fa tsy hanimba ty anara Israely amy ty ambany ty lanitsy eo Ie, fa nivonjeny tamy ty alala ty tana i Jeroboama ana i Joasy koa ndrozy. ²⁸Laha ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Jeroboama rey, ze iaby nanoviny rey, ty fahefany, ty nialiany noho nampoliany ty ahy i Damaskosy noho Hamata, ze ahy Joda, ho a-Israely any, moa tsy fa voasoratsy amy boky ty tantara ty mpanjakan'Israely rey ao va zay? ²⁹Nimaty niaraky tamy ty razambeny rey i Jeroboama, niaraky amy ty mpanjakan'Israely rey, sady i Zakaria anakilahiny ro nanjary mpanjaka tamy ty pilasiny eo.

Chapter 15

¹Tamy ty faha ropolo fito amby tao nanjaka i Jeroboama mpanjakan'Israely, ro nanomboky nanjaka i Azaria ana i Amazia mpanjaka i Joda. ²Folo enin'amby tao i Azaria ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka ta Jerosalema ao tanay ty dimampolo roa amby tao ie. Jekolia ro anaran-dreniny, sady baka Jerosalema ao ie. ³Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, manahaky ze nanovy i Amazia babany. ⁴Ndra le zay aza ro tsy mba nangalaky toera abo rey. Mbo nanao soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo rey eo avao ty olony. ⁵Nampijaly ty mpanjaka Yaveh hondy ka le boka zisiky amy ty andro nahafaty azy rey ie sady nipetsaky tamy ty tsano misera-toera rey ao. Jotama, anakilahy ty mpanjaka, ro loha ty longo sady nanapaky tamy ty olo lako eo tamy ty tany ao. ⁶Sady ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Azaria rey, noho ze iaby nanoviny, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao va zay? ⁷Ka le nimaty niaraky amy ty razambeny i Azaria, nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida ao niaraky amy ty razambeny ie. I Jotama, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ⁸Tamy ty faha telopolo valo amby tao nanjaka i Azaria mpanjaka i Joda, ro i Zakaria ana i Jeroboama ro nanjaka tamy Israely eo ta Samaria any anay ty enim-bola. ⁹Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty nanovy ty razany. Tsy niala tamy ty fahota i Jeroboama ana i Nebata, ze nahavy ty Israely nanota ie. ¹⁰Ninkononkono hanohitsy an'i Zakaria i Saloma ana i Jabesy, nanafiky azy ta Ibleama any, sady namono azy. Le nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny ie. ¹¹Ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Zakaria, oe voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely rey ao. ¹²Zao ro safa i Yaveh ze nambarany tamy i Jeho, manao hozao: "Hipetsaky amy ty seza fipetsaha ty Israely eo zisiky amy ty tariha fahaefatsy nanolo ty tarihanao." Le nitsanga zay. ¹³Nanomboky nanjaka i Salamo ana i Jabesy tamy ty faha telopolo sivy amby ty tao nanjaka i Azaria mpanjaka i Joda, sady nanjaka vola raiky avao ta Samaria ao ie. ¹⁴Sady niakatsy baka Tirza any ho a-Samaria any i Menahema ana i Gady. Tany ro nanafihany an'i Saloma ana i Jabesy, ta maria ao. Nahafaty azy ie ka le nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ¹⁵Ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Saloma noho ty finkononkono nanoviny, le voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao zay. ¹⁶Le nanafiky an'i Tifsa noho iaby teo rey, noho ty sisin-tany niodidy an'i Tirza i Menahema, safe tsy nivonon-drozy ho azy ty tanà. Ka le nitafihiny zay, sady nijiatiny iaby ty ampela bevoka rey tamy tanà zay ao. ¹⁷Tamy ty faha telopolo sivy amby tao nanjaka i Azaria tamy ty Israely eio i Menahema ana i Gady; nanjaka tanay ty folo tao ta Samaria ao ie. ¹⁸Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. Tanay ty androm-piainany, le tsy niala tamy ty fahota i Jeroboama ana i Nebata ie, ze nahavy ty Israely nanota. ¹⁹Sady niavy hanohitsy ty tany i Pola mpanjaka i Asyria, sady namea i Menahema talenta volafoty arivo raiky i Pola, mba hitahy azy ty fanohana i Pola ka le hampatanjaky ty fanjaka i Israely tan-tanany eo. ²⁰Nala i Menahama baka amy ty Israely tamy ty alala ty fitakea ty olo manan-kanana kirai-draiky mba handoa sekely volafoty dimampolo aminy mba hamea ty mpanjaka i Asyria jala io. Ka le nitoliky-loha nimpoly ty mpanjaka i Asyria sady tsy nipetsaky tamy ty tany ao. ²¹Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Menahema, noho iaby nanoviny rey, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao va zay? ²²Sady nimaty niaraky tamy ty razambeny i Menahema rey, ka le Pekahia anany ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ²³Sady tamy ty faha dimampolo tao nanjaka i Azaria mpanjaka i Joda, ro nanomboky nanjaka tamy Israely eo ta Samaria ao i Pekahia ana i Menahema ao; nanjaka tanay ty roe tao ie. ²⁴Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. Tsy mba nanary ty fahota i Jeroboama ana i Nebata, ze nahavy ty Israely nanota ie. ²⁵Nana lefitsy raiky nikaihy hozao: Peka ana i Remalia i Pekahia, ze ninkononkono hanohitsy azy. Niaraky tamy ty dimampolo lahy i Gileada rey, le namono an'i Pekahia noho Argoba sady Aria ta Samaria any i Peka, tamy ty tsano mivala ty lapa ty mpanjaka ao. Nivonoe i Pekahia sady ie ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ²⁶Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Pekahia, noho iaby nanoviny rey, le voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao zay. ²⁷tamy ty faha dimampolo roa amby tao nanjaka i Azaria mpanjaka i Joda, ro nanomboha i Oeka ana i Remalia nanjaka tamy ty Israely eo ta Samaria ao; nanjaka tanay ty ropolo tao ie. ²⁸Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. Tsy niala tamy ty faho i Jeroboama ana i Bebata, ze nahavy ty Israely nanota ie. ²⁹Tamy ty andro i Peka mpanjakan'Israely. ke niavy ka le nangalaky an'Iona, Abela-beti-maka, Janoa, Kadesy, Hazora, Gikeada, Galilia, sady ty tany i Naftaly iaby i Tiglatopilesera mpanjaka i Asyria. Sady nanday ty olo lako nana Asyria any ie. ³⁰Ka le namitiky ty finkononkono nanohitsy an'i Peka ana i Remalia i Hosea ana i Ela. Nanafiky azy ie ka le nahafaty azy. Le nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny ie, tamy ty faha ropolo tao nanjaka i Jotama ana i Ozia. ³¹Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Peka, noho ze iaby nanoviny, le voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjakan'Israely ao zay. ³²Tamy ty faha roe tao nanjaka i Peka ana i Remalia, mpanjakan'Israely, le nanomboky nanjaka i Jotama ana i Azaria, mpanjaka i Joda. ³³Ropolo limy amby tao ie vo nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty folo enin'amby tao ta Jerosalema ao ie. Jerosa ro anara ty reniny; anak'ampela i Zadoka ie. ³⁴Nanao ze marina tamaso Yaveh eo i Jorama. Nanaraky ty hohatsy iaby ze nanovy i Azaria babany ie. ³⁵Nefa, tsy mba nalany ty toera abo rey. Mbo

nanao soro noho nandoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo ro avao ty olo lako. Natsanga i Jotama ty vavahady anabo i Yaveh. ³⁶Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Jotama, noho ze iaby nanoviny, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda rey ao va zay? ³⁷Tamy andro zay Yaveh ro nanomboky naniraky an'i Rezina mpanjaka i Arama, noho Peka ana i Remalia, hanohitsy an'i Joda. ³⁸Nimaty niaraky tamy ty razambeny rey tamy ty tanà i Davida ao rey, razany. Sady i Ahazia, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny.

Chapter 16

¹Tamy ty faha folo fito amby tao nanjaka i Peka ana i Remalia, ro nanomboky nanjaka i Ahaza ana i Jotama mpanjaka i Joda.²Ropolo tao i Ahaza ro nanomboky nanjaka, nanjaka tanay ty folo fito amby tao ta Jerosalema ao ie. Tsy nanao ze marina tamaso Yaveh Njanahariny eo, manahaky ty nanovy i Davida razambeny ie.³Fa koa, nanoriky ty lala ty mpanjakan'Israely reh ie; nanoviny tanay afo ao ho fanomeza oroa ty anakilahiny, ho fanaraha ty fampianara raty ty firenea rey, ze fa niroasy Yaveh taloha ty olo lakon'Israely eo.⁴Nanome fanomeza ie sady nandorolitan-kazo manitsy tamy ty toera abo any, tamy ty vohitsy eny, sady tambany ty hazo maintso iaby eny.⁵Sady i Rezina, mpanjaka i Asyria noho Peka ana i Remalia, mpanjakan'Israely ro nandeha mba hanafiky an'i Jerosalema. Nanao vava an'i Ahaza ndrozy, nefa tsy naharesy azy ndrozy.⁶Tamy fotoa zay, i Rezina mpanjaka i Syria le nimpoly nangalaky an'i Elota ho an'i Syria sady nandroaky ty olo i Joda hiala an'i Elota. Bakeo le nana Elota any ty Syriana amy ze fa nipetsahan-drozy any zisiky androany.⁷Ka le nandefa mpanday hafatsy ho amy i Tiglatopilesera any manajaka i Asyria i Ahaza, manao hozao: "Mpiasanao zaho sady anakinao." Mitsangàna sady vonjeo amy ty tana ty mpanjaka i Syria eo noho ty tana ty mpanjakan'Israely, ze fa nanafiky ahy zaho.⁸Le nala i Ahaza ty volafoty noho ty volamena ze hitany tan-tsano Yaveh ao noho tamy ty hanana ty lapa ty mpanjaka eo sady nalefany ho fanomeza ho ahy ty mpanjaka i Syria zay.⁹Le nijanjy azy ty mpanjaka i Asyria, sady nandeha nanohitsy an'i Damaskosy ty mpanjaka i Asyria, nandresy zay noho nangalaky ty olo lako rey ho gadra ho an'i Kira. Nivonony avao koa i Rezina mpanjaka i Syria.¹⁰Nandeha ta Damaskosy any i Ahaza mpanjaka mba hotojiky amy i Tiglatopilesera mpanjaka i Asyria. Nahita alitara raiky ta Damaskosy ao ie. Nandefa ty modely noho ty sary ty alitara sady ty endriky ty asa ala iaby tamy i Oria mpisoro any ie.¹¹Oria mpisoro ro namboatsy alitara mitovy amy ty firafitsy fa nalefa i Ahaza mpanjaka rey baka a-Damaskosy any rey. Nivitany taloha ty nimpolia i Ahaza mpanjaka baka Damaskosy any zay.¹²Lafa niavy baka a-Damaskosy any ty mpanjaka le nahita ty alitara; namonjy ty alitara ty mpanjaka sady nanesy fanomeza tamy zay eo.¹³Nanao fanomeza oroa noho fanomeza vary ie, sady nandraraky ty fanomezany finomy noho nandraraky ty lio baka amy ty fanomezam-pilongoany tamy ty alitara eo.¹⁴Ty alitara saba ze tanila Yaveh eo--ro nalàny taloha ty egilizy eo, baka anivo ty alitarany eo noho ty egilizy Yaveh sady nanoviny tamy ty faritsy avaratsy ty alitara eo zay.¹⁵Bakeo le nibeko an'i Oria mpisoro i Ahaza mpanjaka, nanao hozao: "Anabo ty alitara bevata eo ro hanoliza ty fanomeza oroa lafa maray sady lafa hariva le ty fanomeza vary, sady ty fanomeza oroa ty mpanjaka rey noho fanomeza vary, miaraky amy ty fanomeza oroa ty olo lako ty tany iaby rey, noho ty fanomeza vary rey sady ty fanomeza finomin-drozy rey. Araraho anabo zay eo ty lio iaby baka amy ty fanomeza oroa, sady ty lio iaby baka amy ty soro. Fa ty alitara saba ro ho ahy mba ho fangalà torohevitsy."¹⁶Le nanao manahaky ze nibeko i Ahaza mpanjaka azy i Ozia mpisoro.¹⁷Bakeo le nala i Ahaza mpanjaka tamy ty tsanga azo afalo eo ty takelaky eo noho koveta; najotsony avao koa ty koveta tamy ty aomby saba eo ze tambany zay sady napetsaky tamy ty lampivato eo zay.¹⁸Laha ty mpanjaka i Asyria, le nalàny fandrakofa ty ho ahy ty Sabata ze fa naboarin-drozy tan-degilizy ao, mbamy ty filira ty mpanjaka tambaliky ty egilizy Yaveh ao.¹⁹Laha ty raharaha hafa mikasiky an'i Ahaza noho ze nanovy, moa tsy fa voasoratsy anay ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda rey ao va zay?²⁰Nimaty noho nalevy niaraky tamy ty razany tan-tanà i Davida ao i Ahaza. Nanjary mpanjaka nanolo azy i Hezekia anakilahiny.

Chapter 17

¹tamy ty faha folo roe amby tao nanjaka i Ahaza mpanjaka i Joda, ro nanomboky ty fanjaka i Hosea ana i Elaha. Nanjaka ta Samaria nemeno ty Israely tanay ty sivy tao ao ie. ²Nanao ze raty tamaso Yaveh ie, tsy manahaky ty mpanjakan'Israely ze talohany eo rey. ³Nanafiky azy i Salmanesera mpanjaka i Asyria, ka le nanjary mpiasany i Hosea sady nanday fanomezam-boninahitsy ho azy. ⁴Sady hita ty mpanjaka i Asyria fa nitetiky hanohitsy azy i Hosea, safe nandefa mpanday hafatsy nana amy i So mpanjaka i Egipta any i Hosea; sady ka le, tsy mba nanome fanomezam-boninahitsy ho ahy ty mpanjaka i Asyria ie, manahaky ty nanoviny isan-tao isan-tao. Ka le nijotso ty mpanjaka i Asyria ie sady nifeheziny tan-gadra any. ⁵Bakeo le nanafiky nameno ty tany iaby ty mpanjaka i Asyria, sady nanafiky an'i Samaria noho nanao vava an'i zay tanay ty telo tao. ⁶Tamy ty faha sivy tao naha mpanjaka an'i Hosea, le nangalaky an'i Samaria noho nanday ty Israely lavitsy an'i Asyria ty mpanjaka i Asyria. Nametsaky androzy ta Hala any ie, tamy ty Habora Ony i Gozana ao, sady tamy ty tanà ty Mediana any. ⁷Nitsanga fahagadra zay safe nanota tamy Yaveh Njanaharin-drozy ty olo lakon'Israely, ze nanday androzy niakatsy baka amy ty tany Egipta any, baka ambany fifeheza i Farao mpanjaka i Egipta eo. Fa nanompo ty njanahary hafa ty olo lako ⁸ka le nandeha tamy ty fanovy ty firenea ze fa narava Yaveh tanila ty ana Israely rey eo, noho tamy ty fanovy ty mpanjakan'Israely ze fa nanovin-drozy rey. ⁹Ty ana Israely---ro nanao raha ze tsy marina an-tsokosoko rey---hanohitsy an'Yaveh Njanaharin-drozy. Nampitsanga fipetsaha abo ho azy mameno an'i Tanà ndrozy rey, zisiky amy ty tilikambo fiembaena ka le zisiky amy ty vala fiarova. ¹⁰Nampitsanga tsangam-bato noho bao Aseraha tamy ty vohitsy abo iaby eny noho tambany ty hazo maintso iaby any avao koa ndrozy. ¹¹Teny ndrozy ro nandoro litan-kazo manitsy tamy ty fipetsaha abo iaby rey, manahaky ty nanovy ty firenea rey, ze nandesy Yaveh tanilan-drozy eo rey. Nanantanteraky raha raty Israelita rey mba hahavy an'Yaveh ho meloky; ¹²ndrozy ro nanompo sampy, mikasiky ze fa nivolanany Yaveh androzy hozao: "Tsy hanao raha zay nareo." ¹³Nefa Yaveh fa nanambara tamy Israely noho tamy i Joda tamy ty alala ty olo to-resaky kirai-draiky noho ty mpahita kirai-draiky, nanao hozao: "Mialà amy ty fomba ratinareo rey ka le tiarovo liliko rey noho lalàko rey, sady mimeteza hanoriky ty lalà iaby nibekoako ty razanareo rey, sady ze nirahiko ho aminareo tamy ty alala ty olo to-resaky mpiasako rey." ¹⁴Nefa tsy nijanjy ndrozy; fa koa mahery loha vatany manahaky ty razany ze tsy nahatoky an'Yaveh Njanaharin-drozy rey. ¹⁵Tsinenken-drozy ty lalàny noho ty fanenkem-pilongoa ze nanoviny tamy ty razany rey, sady ty lily fanenkea ze nameany androzy rey. Nanoriky ty fomba tsy nisy nilà azy ndrozy sady ty vatan-drozy misitsy ro nanjary tsy nisy nialà azy. Nanoriky ty firenea ty mpanompo sampy ze niodidy azy rey ndrozy, le ze nibekoa Yaveh androzy rey tsy hotahafiny. ¹⁶Ndrozy ro nanao tsy misy antony lily Yaveh Njanaharin-drozy iaby rey. Namboatsy sari-anak'aomby roe vita tamy ty vy ndrozy mba ho tompoe. Namboatsy bao Aseraha ndrozy, sady nanompo an'i Bala noho Basia iaby tan-danitsy eny rey. ¹⁷Nalefan-drozy tanay afo rey anakilahy noho anak'ampelan-drozy, nampiasa sikily noho famoreha rey, namarotsy ty safan-drozy mba hanao ze raty tamaso Yaveh eo, noho nahavy Azy ho meloky. ¹⁸Laha zay le neloky maré tamy Israely i Yaveh ka le nangalaky androzy tsy ho amasony eo. Tsy nisy ndra raiky aza tafajano hafa-tsy ty foko i Joda raiky avao. ¹⁹Ndra le i Joda aza tsy nahatanjaky ty lily i Yaveh Njanaharin-drozy, fa koa nanoriky fanompoan-tsampy nitovy tamy ze narahy Israely. ²⁰Laha zay le tsinenké i Yaveh iaby ty tarihan'Israely iaby; nampijaleany ndrozy sady nameany tan-tanany eny ze mpangadra ty fananan-drozy rey, zisiky-hatsanakin-drozy tsy ho amasony eo. ²¹Nangalaky ty Israely tamy ty fitohizan-tariha i Davida Ie, sady nampipetsaky an'i Jeroboama anakilahy i Nebata mpanjaka. Nitariaky ty Israely hiala amy ty fanaraha an'Yaveh i Jeroboama sady nampanao fahota bevata androzy. ²²Nanoriky ty fahota i Jeroboama iaby ty anak'Israely sady tsy niala tamy rey ndrozy, ²³ka le nalà i Yaveh tamaso Israely eo, manahaky ty nivolaniny tamy ty olo to-resaky mpiasany iaby rey fa hanoviny. Le nandesy lavitsy ambaliky ty tanin-drozy ta Asyria any, sady mbo any avao zisiky amy andro zao. ²⁴Nanday olo lako baka Babylona any noho baka Kota any, noho baka Ava any, noho baka Hamata noho Sefarivaima any ty mpanjaka i Asyria, ka le nampipetsaky androzy tamy ty tanà i Samaria any tamy ty toera ty Ana Israely eo. Le nahazo an'i Samaria reny ka le nipetsaky tamy ty tanàny ao. ²⁵Sady tamy ty fitomboha ty fipetsahan-drozy tany le tsy nanome voninahitsy an'Yaveh ndrozy. Ka le nandefa liona tamin-drozy ze namono ty ilany tamin-drozy Yaveh. ²⁶Le nivola tamy ty mpanjaka i Asyria ndrozy, nanao hozao: "Firenea ze baka nandesinao rey noho napetsakinao tamy ty tanà i Samaria ato le tsy mahay ty fomba také ty njanahary ty tany. Ka le nandefa liona tamin-drozy eo ie, sady, ingo, mamono ty olo liona rey safe tsy mahay ty fomba také ty njanahary ty tany rey ndrozy." ²⁷Sady ty mpanjaka i Asyria nibeko, nanao hozao: "Alao ty raiky amy ty mpisoro ze nandesinareo baka any rey, ka le engao ie handeha noho hipetsaky any, sady engao ie hampianatsy androzy ty fomba ze také ty njanahary ty tany." ²⁸Ka le niavy nipetsaky ta Betela any ty raiky tamy ty mpisoro ze baka nandesin-drozy rey baka Samaria any; nampianatsy androzy ty fomba tokony hanompoan-drozy an'Yaveh ie. ²⁹Nanao njanahary ho azy iaby foko kirai-draiky rey, ka le nampipetsaky androzy rey tamy ty fipetsaha abo ze

nanovy Samaritana ret eny---ty foko kirai-draiky tamy ty tanà nipetsahany iaby any. ³⁰Ty olo lako i Babylona namboatsy an'i Sokota-benota; ty olo lako i Kota namboatsy an'i Nergala; ty olo lako i Hamata namboatsy an'i Asima; ³¹Avita rey namboatsy an'i Nibaza noho Tartaka. Sefarvita rey nandoro anany rey tamy ty afo ho an'i Adrameleka ao noho Anameleka, njanahary ty Sefarvaiaama. ³²Nanome voninahitsy an'Yaveh avao koa ndrozy, ka le nitingy mpisoro ty fipetsaha abo baka amin-drozy rey, ze nanao soro ho androzy tamy ty egilizy ao tamy ty toera abo ao. ³³Nanome voninahitsy an'Yaveh ndrozy sady nanompo njanaharin-drozy rey, tamy ty fomba fanovy ty firenea rey tamy ze fa nandesin-drozy. ³⁴Zisiky amy andro zao le mikiry amy ty fomba fanovin-drozy. Sady tsy manome voninahitsy an'i Yaveh ndrozy, ro tsy manoriky ty lily noho lalà ze nanovy Yaveh tamy ty olo lako i Jakoba rey---ze nikaihy hozao: Israely--- ³⁵sady tamy ze nanova Yaveh fanenkea noho nibekoany androzy hozao: "Tsy hatahotsy njanahary hafa nareo, ndra handohaliky amin-drozy rey, ndra hanompo androzy rey, ndra hanao fisorona ho androzy rey. ³⁶Nefa Yaveh, ze nanday anareo niakatsy tamy ty tany Egypta any tamy ty hery bevata noho tana nisondrotsy, ro azy raiky ze tsy maintsy ameanareo voninahitsy iny; Ia ro handihalifanareo, sady ho Azy ty soro anovinareo. ³⁷Lily noho lalà ze nisoratiny ho anareo rey, hotananareo mandrakariva reny. Laha zay aza matahotsy njanahary hafa nareo, ³⁸sady ty fanenkeam-pilongo ze fa nanoviko taminareo, le tsy ho halinonareo; ndra nareo hanome voninahitsy njanahary hafa. ³⁹Fa Yaveh Njanaharinareo ro hameanareo voninahitsy. Ie ro hamonjy anareo amy ty hery ty fahavalonareo rey." ⁴⁰Tsy nijanjy ndrozy, safe noho iha ze nanovin-drozy tamy ty lasa any ndrozy. ⁴¹Ka le natahotsy an'Yaveh firenea rey sady nanompo th sarin-draha voakasikin-drozy avao koa ndrozy, sady nanao manahaky zay avao koa anakin-drozy rey---manahaky ze nanovy ty tariha ty anakin-drozy. Manohy manao ze nanovy ty razany zisiky any ndrozy, zisiky amy zao.

Chapter 18

¹Sady tamy ty faha telo tao nanjaka i Hosea ana i Elaha, mpanjakan'Israely, ro nanomboky nanjaka i Joda. ²Ropolo limy amby tao ie ro nanomboky nanjaka; nanjaka ropolo sivy amby tao ta Jerosalema any ie. Ty anaran-dreniny ro i Aby; anak'ampela Zakaria ie. ³Sady nanao ze mahity tamaso Yaveh eo ie, nanoriky ty hohatsy iaby ze fa nanovy i Davida, razambeny. ⁴Nangalaky toera abo rey ie, ndrava andry vato rey, sady nanapaky bao Aseraha rey. Nanapaky ty menara saba ze nanovy i Mosesy ie, safe tamy ty andro rey ro nandoroa ty olo lakon'Israely ty lintan-kazo manitsy ho ahy zay; zay ro nikaihy hozao: "Nehostana." ⁵Nahatoky an'i Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny i Hezekia, mba tsy hisy olo hitovy aminy afarany ao amy ty mpanjaka i Joda iaby eo, ndra amy ty mpanjaka ze talohany eo. ⁶Fa niaritsy tamy Yaveh ie. Tsy nampijano nanoriky azy ie sady niemby liliny rey, ze nibekoa Yaveh an'i Mosesy. ⁷Ka le nitahy an'i Hezekia Yaveh, sady ndra aia ndra aia nandehanany le nitahiny ie. Niharo nanohitsy ty mpanjaka i Asyria ie sady tsy nanompo azy. ⁸Nanafiky ty Filistina rey zisiky Gaza any noho ty sisintany miodidy ie, zisiky amy ty tilikambo ty mpiemby rey any ka le zisiky amy ty tanà voaaro maré rey any. ⁹Sady tamy ty faha efatsy tao nanjaka i Hezekia Mpanjaka, ze faha fito tao nanjaka i Hisea ana i Elaha mpanjakan'Israely, ro niakatsy hanohitsy an'i Samaria i Salmanesera mpanjaka i Asyria sady nanao vava zay. ¹⁰Sady tamy ty fihafara ty faha telo tao ro nangalan-drozy say, le tamy ty faha eny tao nanjaka i Hezekia, ze faha sivy tao nanjaka i Hosea mpanjakan'Israely; zay ro fomba nanambora an'i Samaria. ¹¹Ka le nandesy ty mpanjaka i Asyria ta Asyria any ty Israely, sady nanoviny ta Hala ao, tamy ty Renirano i Habora eo ta Gozana any, sady tamy ty tanà i Mediana rey ao ndrozy. ¹²Nanao zay ie safe tsy nanenky ty feo i Yaveh Njanahariny ndrozy, fa koa nandika ty safa ty fanenkeany, ze iaby nibekoa i Mosesy mpiasa i Yaveh androzy. Nandà hijanhy ndra hanao zay ndrozy. ¹³Sady tamy ty faha folo efatsy amby tao nanjaka i Hezekia Mpanjaka, Sankeriba mpanjaka i Asyria ro nanafiky ty tanà voaaro maré iaby i Joda ka le nangalaky rey. ¹⁴Ka le nandefa hafatsy tamy ty mpanjaka i Asyria any, ze ta Lakisy any i Hezekia mpanjaka i Joda nanao hozao: "Fa nampeloky anao zaho. Mialà amiko. Ndra ino ndra ino hampanandesinao ahy le handesiko." Le mitaky tamy i Hezekia mpanjaka i Joda mba handoa ty talenta volafoty telon-jato noho talenta volamena telopolo ty mpanjaka i Asyria. ¹⁵Ka le namea i Hezekia azy ty volafoty iaby ze hita tamy ty tsano Yaveh ao noho tamy ty fipetsahan-draha-sarotsy ty lapa ty mpanjaka rey ao. ¹⁶Le nala i Hezekia ty volamena tamy ty egilizy Yaveh eo noho tamy ty andry ze nametsahany takela-bolamena eo; sady nameany ty mpanjaka i Asyria ty volamena. ¹⁷Nefa ty mpanjaka i Asyria nanetsiky ty tafikiny bevata, niniraky an'i Tartana noho Raba-sarisa sady ty bey ty mpifehy baka Lakisy any ho amy i Hezekia mpanjaka any a-Jersalema ao. Nandeha niakatsy tamy ty lala ndrozy sady niavy tambaliky i Jeroboama ao. Namonjy ty lakan-drano ty kamory anabo ndrozy, tan-dalambey ty baibo ty mpamotsy siky eo, sady nijano tamy zay eo. ¹⁸Lafa nikaiky an'i Hezekia Mpanjaka ndrozy, le niboaky mba hanenty androzy i Eliakima anakilahy i Hilikia, ze nanapaky ty longo, noho Sebna mpanoraky-lalà, sady Joa anakilahy i Asafa, mpanajary tantara. ¹⁹Sady ty bey ty mpifehy nivola androzy mba hivola amy i Hezekia ze nivolany ty mpanjaka bey, mpanjaka i Asyria, manao hozao: "Ino ro loharano ty fahatokisanao? ²⁰Safa tsy misy dikany ro volaninao, mivolana hoe misy nama noho hery ho amy ty aly. Sady amy zao ia ro itokisanao? Ia ro nanome herim-po anao hiharo hanohitsy ahy? ²¹Ingo, matoky ty tehy volotara torotoro ty Egipta iha, nefa aha mitehy amy ty olo zay, le hipitiky amy ty tanany eo ka le handoa zay. Manahaky zay i Farao mpanjaka i Egipta amy ty iaby matoky azy rey. ²²Fa alaha mivola amiko iha zoao: "Matoky an'Yaveh Njanaharinay zahay," moa va tsy ie azy raiky nangalaky ty toera abo noho ty alitara ze nala i Hezekia iny, sady nivola tamy i Joda noho Jerosalema hozao: "Tsy maintsy manompo aloha ty alitara i Jerosalema toy eo iha?" ²³Amy zao sady, te-hanome fanomezaka soa baka amy ty tompoko mpanjaka i Asyria zaho. Hameako sovaly roe arivo iha, laha mahita mpiondra androzy. ²⁴Hanovinao akory ty hanohitsy ndra le ty raiky amy ty kapiteny ze kelikely bibiky amy ty mpiasa ty tompoko rey aza? Fa nampipetsaky ty fatokisanao ta Egipta any ho ahy ty kalesa rey noho ty mpiondra-sovaly iha! ²⁵Moa fa nandeha niakatsy tsy nisy an'Yaveh mba hialy hanohitsy noho handrava toera toy va zaho? Hoy Yaveh tamiko: "Ampisikino sady aravao tany toy." ²⁶Bakeo i Eliakima anakilahy i Hilikia, noho Sebna, sady Joa nivola tamy ty bey ty mpifehy hozao: "Mba resaho amy ty fivolana Syriana lahy ty mpiasanao rey, fa azonay zay. Ka miresaky aminay amy ty fivolana ty Joda amy ty sofy ty olo ze amy ty rindry eo." ²⁷Nefa hoy ty bey ty mpifehy tamin-drozy hozao: "Moa va nandefa ahy ho amy ty tomponao noho iha ty tompoko ao mba hivola ty safa rey? Moa va zaho nalefany tany ty lahilahy mpipetsaky amy ty rindry rey eo, ia ro tsy maintsy hihina ty malotony noho hino ty amanin-drozy manoka miarakay aminao?" ²⁸Sady ty bey ty mpifehy nitsanga noho nikaiky tamy ty feo maré tamy ty fivola Jiosy hozao: "Janjino ty safa ty mpanjaka bevata, le ty mpanjaka i Asyria." ²⁹Zao ro volany ty mpanjaka, 'Ka manenky hofitaha i Hezekia nareo, fa tsy afaky ty hamonjy anao amy ty fahefako ie. ³⁰Ka manenga an'i Hezekia hampatoky anao an'Yaveh, manao hozao: "Hamonjy antsika vatany Yaveh, sady tanà toy ro tsy hamea ho an-tana ty mpanjaka eo i

Asyria."³¹ Ka mijanjy an'i Hezekia, fa zao ro volany ty mpanjaka i Asyria hozao: 'Milongoa amiko sady miaraha amiko. Sady ty kirai-draiky baka aminareo ro samby hihina amy ty voloboky noho ty hazon'aviaviny, sady hino ty rano amy ty famorian-dranony ao. ³²Hanao zay zisiky-hiaviako noho handaisako anareo amy ty tany any manahaky ty taninareo manoka, tany misy vary noho voloboky vaovao, tany misy mofo noho tanim-boloboky, tany misy hazo oliva noho tantely mba ho velo nareo fa tsy ho maty. ' Ka mijanjy an'i Hezekia laha miezaky mandresy lahatsy anareo ie, manao hozao: 'Hamonjy antsika Yaveh. ³³Moa nisy nahasarombaky androzy tan-tana ty mpanjaka i Asyria eo va ty njanahary ty olo? Aia moa ty njanahary i Hamata noho Arpada? ³⁴Aia moa ty njanahary i Sefarvaima, noho Hena, sady Iva? Nahasarombaky an'i Samaria tan-tanako eto va ndrozy? ³⁵Amy ty njanahary ty tany iaby eo, moa va fa nisy njanahary hahasarombaky ty taniny tany ty fahefako? Manao akory ro hahafaha i Yaveh manarombaky an'i Jerosalema amy ty heriko? ³⁶Nefa tsy nivola ty olo sady tsy namaly, safe fa nibeko ty mpanjaka hozao: "Ka mamaly azy." ³⁷Bakeo Eliakima, ana i Hilikia, ze anabo tany ty longo eo; noho Sebna azy mpanora-dalà iny; sady Joa ana i Asafa, azy mpitan-tsoratsy iny, nilitsy nana amy i Hezekia ao niaraky amy ty fisikinan-drozy voatataky, sady nanday ty safa ty bey ty mpifehy taminy.

Chapter 19

¹Sady lafa ré i Hezekia Mpanjaka ty tatitsin-drozy, le nanatany ty salotsiny ie, nanao salotsy fisaona, sady nilitsy tan-tsano Yaveh ao. ²Naniraky an'i Eliakima ze bey ty tandapa ie, noho Sebna azy mpanora-dalà iny, sady ty loha ty mpisoro, samby nisiky ty salotsy fisaona iaby, ho amy i Isaia anakilahy i Amozany, azy olo to-resaky iny. ³Le hoasan-drozy taminy: "Zao ro safa i Hezekia: 'andro toy ro andro ty fijalea, fanasazia, sady fanalam-baraka, fa engao ho teraky ty aja, nefa tsy misy hery mba hiterahany androzy. ⁴Vasa mety ho nanovy azy bey ty mpifehy iny, ze nirahy ty mpanjaka i Asyria tompony mba hivola an-Janahary velo, sady hamaly safa ze fa ré Yaveh Njanaharinao rey. Ka le asondroto ho ahy ze sisa mbo eto ty vavakinao amy zao."⁵Sady niavy tany i Isaia any ty mpiasa i Hezekia mpanjaka, ⁶sady Isaia nanao tamin-drozy hozo: "Volano amy ty tomponareo fa: 'Zao ro safa Yaveh: "Ka matahotsy ty amy ty safa ze fa renao, ze fa nandratiraty ty mpiasa ty mpanjaka i Asyria ahy. ⁷Ingo, hampipetsaha fanahy aminy eo Zaho, sady haharé siosio ie ka le himpoly amy ty taniny any. Hanoviko tonta ty meso-bey amy ty taniny ao ie."⁸Le nimpoly ty lahilahy ty mpifehy sady nahita ty mpanjaka i Asyria nialy tany i Libna, fa ie fa naharé fa niala ta Libna ao ty mpanjaka. ⁹Sady Senkeriba naharé fa i Tiraka mpanjaka i Etiopia noho Egipta le fa nioma ty hialy aminy, laha zay le naniraky mpanday hafatsy ho amy i Hezekia any ndraiky ie hozo: ¹⁰"Volano amy i Hezekia mpanjaka i Joda hozo: 'Ka enga hamitaky anao ty Njanahary ze hitikisanao ka le hanao hozo: "Jerusalem le tsy hamea ho an-tana ty mpanjaka i Asyria eo." ¹¹Ingo, fa renao ty raha ze fa nanovy ty mpanjaka i Asyria tany ty tany iaby tany ty fitoroa tanteraky rey. Ka le ho voasarombaky va iha? ¹²Fa namonjy androzy ty njanahary ty firenea, firenea ze nitoroe ty razako rey: le i Gozana, Harana, Razefa, sady ty olo lako i Edena ta Telasara ao. ¹³Aia ty mpanjaka i Hamata, ty mpanjaka i Arpada, ty mpanjaka ty tanà Sefarvaima, Hena, sady Iva?"¹⁴Niazo i Hezekia ty taratasy tany ty mpanday hafatsy any sady nivakiny zay. Bakeo le nandeha tan-tsano Yaveh any ie ka le namoha zay talohany eo. ¹⁵Le nivavaky tanila Yaveh eo i Hezekia, sady nanao hozo: "Yaveh tompo ty lako, Njanaharin'Israely, Iha ze mipetsaky anabo ty Kerobima eo, Iha ro Njanahary raiky manatsiky ty fanjaka iaby an-tany eto. Iha ro nanao ty lanitsy noho ty tany. ¹⁶Ahohirano ty sofinao, Yaveh, sady mijanjina. Ampananteo ty masonao, Yaveh, ka le manentea, sady janjino ty safa i Sankeriba, ze fa nirahiny mba handratiraty ty Njanahary velo. ¹⁷Eka vatany, Yaveh, fa nandrava ty firenea rey noho ty taniny tokoa ty mpanjaka i Asyria. ¹⁸Fa nandoro ty njanaharin-drozy tanay afo ao ndrozy, safe tsy njanahary rey fa asa-tanan'olombelo, hazo noho vato avao. Ka le nitoro ty Asyriana ndrozy. ¹⁹Ka le amy zao, Yaveh Njanaharinay, mangataky Aminao zaho, Vonjeo amy ty heriny zahay, mba hahaza ty fanjaka iaby an-tany eto fa Iha, Yaveh, ro Njanahary raiky." ²⁰Sady Isaia anakilahy i Amozany nandefa hafatsy tany i Hezekia any, nanao hozo: "Yaveh, Njanaharin'Israely nivola hozo: 'Safe fa nivavaky tamiko ty amy i Senkeriba mpanjaka i Asyria iha, le nijanjy anao zaho. ²¹Zao ro safa nivolanany i Yaveh mikasiky azy: "Ty anak'ampela mbo kelikely i Ziona manao tsy misy antony anao noho mihehy ho amy ty fanalam-baraka. Ty anak'ampela i Jerosalema manoratora-doha aminao. ²²Ia ro fa nivolaninao noho nitsiratsiranao? Hanohitsy an'ia ro nanondrotanao ty feonao noho nampiboleaky ty masonao am-pirengerengea? Hanohitsy Masy Israely iny! ²³Tamy ty alala hirakinao rey ro nivolananao ty Tompo, sady nanao hozo: "Tamy ty kalesako lako ro niakarako tanabo ty vohitsy any, ty fiakara abo bibiky ta Libanona any. Hotapahiko ty sedera lava noho ty kypreso napitiky ao. Hilitsy amy ty faritsy lavitsy bibiky zaho, amy ze alany mamokatsy bibiky ao. ²⁴Fa nihaly lava-drano zaho sady fa nino ty rano ty firenen-kafa. Fa tanay ty renirano i Egipta iaby ho an-dela-tombokiko eo zaho. ²⁵Tsy renao va ty fomba nanomanako zay fa ela noho ty niasako zay tany ty andro taloha? Amy zao le fa hanantanteraky zay zaho. Eo iha mba nandrava ty tanà mivala rey hanjary korotam-bato. ²⁶Ty olo mipetsaky aminy ao, ze tsy ampy hery, le torotoro noho menatsy. Raha-mitiry am-baibo ndrozy eny, akata-maintso, akata anabo tafo am-baibo eny, nioroa aloha ty nitiriany. ²⁷Fa zaho mahay ty fipetsahanao, ty fiboahanao, ty filiranao, sady ty helokinao amiko. ²⁸Laha ty helokinao amiko, sady safe ré ty sofiko ty fiavonavonao, le hampipetsaky ty kiviro amy ty orona Zaho, sady amy ty vavanao rey ty lamboridiko; hanoviko mimpoly amy ty lala niavianao iha. ²⁹Zao ro famantara ho anao: Hihina raha mitiry tampoky nareo amy tao toy, sady ty tao manaraky le ty aomby zay. Fa amy ty faha telo tao koa ro hamboly noho hihary nareo, hamboly tanim-boloboky ka le hihina ty voany. ³⁰Ty sisa amy ty tariha i Joda ze mbo velo ro hangalà ndraiky ka le hisondrotsy sady hamao. ³¹Fa hisy sisa hiboaky baka Jerosalema any, baka am-bohitsy i Ziona any ro hiavia ty sisa tsy maty rey. Ty zotom-po i Yaveh Tompo ty lako ro hanao zay. ³²Ka le zao ro volany Yaveh mikasiky ty mpanjaka i Asyria: "Tsy hilitsy amy ty tanà toy ie ndra handefa ana-kititsy ao. Ndra ho baka alohany eo miaraky amy ty fiaro ndra hanao vava azy. ³³Ty lala ze niavianany avao ro lala hiboahany; tsy ho tafilitsy amy tanà toy ie—zay ro fanambara Yaveh. " ³⁴Fa zaho hiaro noho hanavotsy tanà toy, noho ty amiko noho ty amy i Davida mpiasako." ³⁵Sady tany haly io ro niavy anjely Yaveh iny sady nanafiky ty toby ty Asyriana rey, ka le nahafaty maramila 185.000. Lafa nifoha aloha ty olo lafa niavy ty maray, le niampatsy teny iaby ty fatin'olo. ³⁶Ka le niala

an'Israely i Sankeriba mpanjaka i Asyria sady nanjary noly noho nipetsaky ta Ninive any. ³⁷Tafara tato, laha nanao fanompoam-pivavaha tan-tsano i Nisroka njanahariny ao ie, le nivono i Andrameleka noho Serezera anakilahiny tamy ty meso-bey. Bakeo le niala tamy ty tany i Ararata any ndrozy. Sady Esara-hadona anakilahiny ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 20

¹Sady tamy andro zay le narary fa ho maty i Hezekia. Ka le namonjy azy i Isaia ana i Amosa, azy olo to-resaky iny, sady nivola taminy hozo: "Hoy Yaveh: "Arindrino ty tsanonao; fa ho maty iha, sady tsy ho velo." ²Le nitoliky nanatsiky ty rindry i Hezekia sady nivavaky tamy Yaveh ie nanao hozo: ³"Mba mangataky lahy, Yaveh e, mba tiarovo ty nandehanako am-patokia tamy ty anilanao eo tamy ty foko iaby, noho ty nanovako ty soa tamasonao eo." Sady nitany maré i Hezekia bakeo. ⁴Aloha ty niboaha i Isaia tanivo ty tokotany eo, le niavy taminy ty safa Yaveh, nanao hozo: ⁵"Mimpolia, sady volano i Hezekia, azy mpitariky ty oloko hozo: 'Zao ro safa Yaveh, Njanahary i Davida razambenao: " Fa reko ty vavakinao, sady hitako ty ranomasonao. Hanafaky anao Zaho amy ty faha telo andro, sady handeha an-tsano i Yaveh any iha. ⁶Hampeako folo limy amby tao ty andro hiainanao, sady ho vonjeko amy ty tana ty mpanjaka i Asyria iha noho tanà toy, sady ho arovako tanà toy noho ty amiko noho ty amy i Davida mpiasako." ⁷Ka le hoy Isai hozo: "Mangalà ravin'aviavy. " Le nanao zay ndrozy sady napetsakiny tamy ty vai-ny zay, le afaky ie. ⁸Hoy i Hezekia tamy i Isaia: "Ino ro fahaiza fa hafaha Yaveh zaho, noho ty tokony hanorihako amy ty egilizy any amy ty faha telo andro?" ⁹Namaly Isaia hozo: "Zao ro fahaiza ho ahy nao baka amy Yaveh, fa Yaveh ro hanao ze raha nivolaniny. Tokony handroso dinga folo va ty aloky, sa hihemotsy dinga folo?" ¹⁰Namaly i Hezekia: "Mora ho ahy ty aloky ty nandroso dinga folo. Aha! engao Hihemotsy dinga folo ty aloky." ¹¹Ka le nikaikaiky an'Yaveh i Isaia to-resaky, sady nandesiny nihemotsy dinga folo ty aloky, baka amy ty nihetsehany any tamy ty tohoty i Ahaza eo. ¹²Tamy fotoa zay i Merodaka Baladana ana i Baladana mpanjaka i Babylona ro nandefa taratasy noho fanomeza tamy i Hezekia any, safe reny fa nariry i Hezekia. ¹³Nijanany taratasy zay i Hezekia, sady nanotorony mpanday hafatsy rey ty lapa iaby noho ty raha-sarotsiny, ty volafoty, ty volamena, ty raha-manitsy noho ty menaky sarotsy, sady koa ty tsano fanajariany ty koabay-fialiany, iaby zay ro hita tamy ty tsano fanajariany ao. Tsy nisy raha ze raty natoro i Hezekia androzy tan-tsanony ao, ndra tamy ty fanjakany ao. ¹⁴Sady Isaia to-resaky nana amy i Hezekia Mpanjaka any sady nanontany azy hozo: "Ino ro nivolany ty lahilahy reny taminao. Baka aia ie reny?" Hoy i Hezekia: "Baka an-tany lavitsy any a-Babylona any ndrozy." ¹⁵Nanontany i Isaia hozo: "Ino ro hitan-drozy tan-tsanonao ao?" Namaly i Hezekia hozo: "Hitan-drozy iaby ty raha iaby tan-tsanoko ato. Tsy nisy tamy ty raha-sarotsiko rey tsy natoroko androzy." ¹⁶Ka le hoy i Isaia tamy i Hezekia: "Janjino ty safa Yaveh: ¹⁷Ingo, fa ho avy ty andro hitaoma ty raha iaby amy ty lapanao eo mana Babylona any, le raha nihajary ty razambenao rey zisiky amy andro zao. Tsy misy ndra ino ndra ino ho tavela, hoy Yaveh. ¹⁸Ty anakilahy teraky baka aminao, ze nitezanao manoka_halan-drozy zay, sady hanjary tandapa amy ty lapa ty mpanjaka i Babylona eo ndrozy." ¹⁹Sady hoy i Hezekia tamy i Isaia: "Soa ty safa Yaveh ze nivolaninao." Safe nidiniky ie hozo: "Tsy hisy fiadana noho filamina va zay amy ty androko." ²⁰Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Hezekia, noho ty heriny iaby, sady ty nananovany ty farihy noho ty lakan-drano, sady koa ty nandaisany rano tamy ty tanà ao—moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tanatara ty mpanjaka i Joda rey ao va zay? ²¹Nimaty niaraky tamy ty razambeny rey i Hezekia, sady i Manase anakilahiny ro nanolo azy tamy ty pilasiny eo.

Chapter 21

¹Folo roamby tao i Manase ro nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty dimam-polo limy amby tao ta Jerosalema ao ie. Ty anara ty reniny le i Hefziba. ²Fa nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty raha mampangoritsy ty firenea ze niroahy Yaveh tanila Israely rey eo. ³Fa nampimpoly namboatsy toera abo rey eo ze nisimba i Hezekia babany ie, sady namboatsy ty alitara ho an'i Bala rey, nanao baon'Aseraha raiky, manahaky nanovy i Ahaba mpanjakan'Israely, sady nandohaliky tamy ty basia ty alitara iaby rey ka le nanompo. ⁴Manase ro namboatsy alitara fanompoan-tsampy tan-tsano Yaveh ao, ndra le nibeko aza Yaveh hozao: "Ho zisiky farany a-Jersalema ao ty anarako." ⁵Namboatsy alitara ho ahy ty basia ty lanitsy iaby rey ie tamy ty kianja roe ty tsano Yaveh ao. ⁶Nanoviny tanay ty afo ty anany; sady nisahira noho nanao sikily sady nangalaky hevitsy tamy ze miresaky amy ty maty rey noho ze miresaky amy ty fanahy rey ie. Nanao raty lako tamaso Yaveh eo ie sady nivola an-Janahary tamy ty helokiny. ⁷Ty sary sokitsy i Astarta ze nanoviny, le napetsakiny tan-tsano Yaveh ao zay. Ka le mitahy tsano zay ro niresahy i Yaveh tamy i Davida noho Solomona anany; hoy ie hozao: "Tamy ty tsano toy ato sady ta Jerosalema ao, ze nitinginiko tamy fokon'isarely iaby rey, ro hametsahako ty anarako zisiky farany. ⁸Sady tsy hampiriorio ty tombon'Israely hiboaky amy ty tany ze nameako ty raza ty rey sasy Zaho, laha manenky soa iaby ze nibekoako rey ndrozy, sady hanoriky ty lalà iaby ze nibekoa i Mosesy mpiasako androzy." ⁹Fa tsy nijanjy olo lako rey, sady i Manase ro nitariaky androzy hanao raty mandilatsy noho ty firenea ze nirava Yaveh tanila ty olo lakon'Israely. ¹⁰Le niresaky tamy ty alala ty olo to-resaky Yaveh, nanao hozao: ¹¹"Safe i Manase mpanjaka i Joda ro nanao raha mampangoritsy rey, sady nanao raty mandilatsy noho ze iaby nanovy Amorita ze nanao zay talohany rey, sady nampanonta an'i Joda avao koa tamy sampiny rey, ¹²noho zay Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, nivola zao: Ingo, hahavy loza manahaky zay amy i Jerosalema eo noho Joda Zaho ka le ze iaby maharé zay, le hangoritsy ty sofiny roe. ¹³Hanampatsy ty taly fametara ampiasa hanohera an'i Samaria amy i Jerosalema zaho, sady ty pilao fametara ampiasa hanohera ty longo i Ahaba; hanalio an'i Jerosalema, manahaky ty olo manalio hany, mikosoky zay sady manodikodiky zay anabo noho ambany zaho. ¹⁴Hanoraky ty lovako sisa tavela zaho sady hanome zay ho am-pela tana ty fahavalon-drozy eo. Hoavy niazo voy noho gadra ty fahavalony iaby rey ndrozy, ¹⁵safe fa nanao ze raty tamasoko eo ndrozy, sady niaro ahy tamy ty heloky, zisiky amy ty andro niboaha ty razamben-drozy baka Egipta ao, zisiky androzy." ¹⁶Fanampy zay, i Manase ro nandatsaky lio tsy manan-tsiny lako maré, zisiky maha atsehin'ny ty fahafatesa tamy ty raiky zisky amy ty raiky hafa an'i Jerosalema. Zay ro fanampy ty fahota ze nampanontany an'i Joda, lafa nanao ze raty tamaso Yaveh eo ndrozy. ¹⁷Sady laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Manase rey, ze iaby nanoviny, sady ty fahota ze nanoviny, moa va tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara eo ty mpanjaka i Joda zay? ¹⁸Le nimaty tamy ty razany any sady nalevy tamy ty zariday ty tsanony any avao i Manase, tan-jariday i Oza any. Sady i Amona anany ro nanjary mpanjaka tamy ty pilasiny eo. ¹⁹Tamy ty faha ropolo roa amby taony i Amona ro nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty roe tao ta Jerosalema ao ie. Ty anaran-dreniny ro i Mesolemata; anak'ampela i Haroza baka Jotba any. ²⁰Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty nanovy i Manase babany. ²¹Nanoriky ty lala iaby ze nandehana ty babany sady nanompo ty sampy ze nitompoa ty babany, sady nandohaliky amin-drozy i Amona. ²²Niala an'Yaveh, azy Njanahary razany iny ret ie, sady tsy nandeha tamy ty lala Yaveh. ²³Mpiasa i Amona rey ro nitetiky ty hanohitsy azy sady namono ty mpanjaka tan-tsanony ao avao. ²⁴Fa olo lako ty tany rey ro namono ze iaby naniry hanohitsy an'i Amona mpanjaka, sady ndrozy ro nanao an'i Josia anakilahiny ho mpanjaka tamy ty pilasiny eo. ²⁵Laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky ze nanovy i Amona, moa va tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao zay? ²⁶Olo lako rey ro nandevy azy tamy ty lolony ao tan-jariday i Oza ao, sady i Josia anany ro nanjary mpanjaka tamy ty pilasiny eo.

Chapter 22

¹Valo tao i Josia ro nanomboky nanjaka; telopolo raiky amby tao ro nanjakany ta Jerosalema ao. Jedida ro anara ty reniny (anak'ampela i Adaia baka Bozkata any). ²Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie. Nandeha tamy ty lala iaby i Davida razambeny ie, sady tsy nivio lala nanankavia ndra nanankavana. ³Sady tamy ty faha folo valo amby tao i Josia mpanjaka, le nandefa an'i Safana ana i Azalia ana i Mesolama, azy mpanoraky lalà iny, tan-tsano Yaveh any ie, nanao hozo: ⁴"Miakara amy i Hilikia amy azy mpisoro bey iny any sady volano ie mba hanisa ty jala ze nandesy tan-tsano Yaveh any, ze navory ty mpiemby ty egilizy tamy ty olo lako. ⁵Engao zay hamea an-tana ty mpiasa ze miantoky ty tsano Yaveh eo, sady engao ndrozy hanome zay azy mpiasa ze an-tsano y ao iny, mba hanamboara ze simba amy ty egilizy ao. ⁶Engao ndrozy hanome jala ho ahy ty mpamboatsy, mpanori-tsano rey, sady mba hivily hazo noho vato voapaiky avao koa mba hamboara ty egilizy." ⁷Fa tsy ho take amin-drozy ty jala iaby, safe mpiasa zay am-patokia ndrozy. ⁸Hoy i Hilikia mpisoro bey tamy i Safana mpanora-dalà hozo: "Hitako tamy ty tsano Yaveh ao ty boky lalà." ⁹Ka le namea i Hilikia an'i Safana ty boky, sady namaky zay ie. Nanjary i Safana sady nangalaky ty boky tamy ty mpanjaka eny, sady hitao aminy avao koa, manao hozo: "Mpiasanao rey ro nanday ty jala ze hita tan-degilizy ao sady namean-drozy tan-tana ty mpiasa ze manara-maso eo ty fikarakara ty tsano Yaveh zay." ¹⁰Le hoasa i Safana mpanora-dalà tamy ty mpanjaka: "Hilikia mpisoro ro nanome ahy ty boky." Sady nivaky i Safana tamy ty mpanjaka zay. ¹¹Sady lafa naharé ty safa ty lalà ty mpanjaka rey, le nanataky ty sikiny ie. ¹²Nibeko an'i Hilikia mpisoro, noho Ahikama ana i Sacana, i Akbora ana i Mikaia, Safana azy mpanora-dalà iny, sady i Asaia, mpiasany iny, ty mpanjaka, ka le nanao hozo: ¹³Mandehana sady miresaha amy Yaveh ho ahy, sady ho ahy ty olo lako rey noho Joda iaby rey, noho ty safa ty boky ze hita toy. Fa malemy ty heloky i Yaveh ze mirehity amin-tsika noho ty tsy fahareza ty razambeintsika rey ty safa ty boky toy le ty hoe hanenky ze iaby voasoratsy mikasiky antsika." ¹⁴Laha zay i Hilikia mpisoro, Ahikama, Akbora, Safana, sady i Asaia ro nandeha nana amy i Holda any olo to-resakin'ampela iny, valy i Solomona ana i Tikva ana i Harasa, azy mpikarakara ty fisikina iny (nipetsaky ta Jerosalemao amy ty faritsy faharoe ie), sady niresaky taminy rozy. ¹⁵Hoy ty ampela tamin-drozy: "Zao ro volany Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny: 'Volano ty olo ze nandefa anareo amiko atoy hozo: ¹⁶"Zao ro volany Yaveh: 'Ingo, handay loza amy toera toy rey noho olony rey Zaho, manahaky ty raha iaby voasoratsy amy ty boky ze nivaky ty mpanjaka i Joda ao. ¹⁷Safe nahafoy Ahy sady nandoro litan-kazo manitsy ho ahy ty njanahary hafa ndrozy, mba hitahy Ahy ho meloky amy ty asa iaby ze nanovin-drozy-- laha zay ty heloko le nirehity amy ty pilasiny toy, sady tsy ho maty zay." ¹⁸Fa ho ahy ty mpanjaka i Joda, ze nandefa anao mba hanontany ty sitsa-po Yaveh, le zao ro hovolainao aminy: "Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny nivola zao: "Mitahy safa ze renao rey, ¹⁹safe tso-po nareo, sade safe nampijotso vata tanila Yaveh eo nareo, lafa renao ze nivolaniko tamy toera toy noho olony rey, fa ho avy faharava noho ozo ndrozy, sady safe iha ro nanataky ty sikinao sady nitany tanilako teto, le nijanjy anao avao koa Zaho--zay ro fanambara Yaveh. ²⁰Ingo, hampipitiky anao amy ty razanao Zaho, sady hiroro am-pandrea an-dolonao al iha. Tsy hahita loza iaby ze handesiko amy toera toy rey ty masonao.""" Ka le nandesy azy lahilahy iny tamy ty mpanjaka any hafatsy zay.

Chapter 23

¹Le naniraky mpanday hafatsy ze nampivory taminy eo olo bey i Joda noho Jerosalema iaby ty mpanjaka. ²Le niakatsy tan-tsano Yaveh ao ty mpanjaka, noho ty olo i Joda iaby sady ty olo i Jerosalema iaby niaraky taminy, noho ty mpisoro, olo to-resaky rey, sady ty olo lako iaby rey, zisiky amy ty kelikely ka le zisiky amy ty bey. Nivaliny tan-tsofin-drozy eo ty safa ty boky Fanenkea iaby ze hita tan-tsano Yaveh ao. ³Natsanga tanila ty andry eo ty mpanjaka sady nanao fanenkea tanila Yaveh eo, mba hanoriky an'Yaveh noho hiemby ty liliny rey, kititsiny rey, sady lalàny rey, amy ty fony iaby noho ty fanahiny iaby, mba hampahery ty safa fanenkea zay ze voasoratsy amy ty boky toy ao. Ka le nanenky hankatò ty fanenkea ty olo lako iaby. ⁴Sady ty mpanjaka nibeko an'i Hilkia mpisoro bey ty mpisoro ambany fahefany rey, sady mpiemby ty vavahady mba hampiboaky baka amy ty egilizy Yaveh ao enta iaby nanovy ho an'i Bala noho Astarta, noho ahy ty basia ty lanitsy iaby. Nandoro zay tambaliky i Jerosalema any tam-baibo ao tamy ty loham-baibo any i Kidrona ao ie sady nanday ty lavenoky ty tany Betela any. ⁵Nandrava mpisoro mpanompo sampy ze nitinginy ty mpanjaka i Joda rey handoro lintan-kazo manitsy tamy ty toera abo tamy ty tanà i Joda ao noho tamy ty toera niodidy an'i Jerosalema ie— le ze nandoro litan-kazo manitsy rey ho ahy i Bala, ho ahy ty masoandro noho ty vola, ho ahy ty planeta rey, sady ho ahy ty basia ty lanitsy iaby rey. ⁶Nampiboaky ty baon'Aseraha baka amy ty egilizy Yaveh ao ie, tambaliky i Jerosalema any tan-doham-baibo i Kidrona any sady nandoro zay teo. Nitorotorony ho lemboky zay ka le nariany tamy ty lolon'olo lako eo lemboky zay. ⁷Nilioviny efitsano ty lahilahy mpivavaky mamarotsy-vata ze tan-degilizy Yaveh ao rey, ze nanenoa ty ampela fisikina ho ahy i Aseraha rey. ⁸Nanday ty mpisoro iaby tambaliky ty tanà i Joda any sady nandoto ty toera abo ze nandoroa ty mpisoro lintan-kazo manitsy rey, nanomboky ta Geba ao zisiky a-Beri-sheba any. Niravàny ty toera abo tamy ty vavahady ze tamy ty filira mana amy ty vavahady i Josoa rey eo any (tanà ty governora), tamy ty ilany tankavia ty vavahady ty tanà eo. ⁹Ndra le tsy nengà nisoro tamy ty alitara i Yaveh eo ta Jerosalema ao aza ty mpisoro ty toera abo rey, le nihina mofo tsy masira tamy ty rahalahiny rey eo ndrozy. ¹⁰Nilotoa i Josia i Tofeta, ze tamy ty loham-baibo i Beni-hinoma ao, mba tsy hisy olo handoro anay ty afo ao ty anakilahiny ndra tyvanak'ampelany ho soro ho an'i Moloka. ¹¹Nalany ty sovaly ze namea ty mpanjaka i Joda ty masoandro. Tamy ty faritsy eo tamy ty filira ho an-degilizy Yaveh eo, anila ty efitsano i Natana-meleka, tandapa rey. Nioroa i Josia ty kalesa ty masoandro rey. ¹²Nirava i Josia mpanjaka ty alitara ze tamy ty tafo ty efitsano i Ahaza farany anabo, ze namboary ty mpanjaka i Joda, noho alitara ze nanovy i Manase rey tamy ty kianja ty egilizy Yaveh roe rey any. Nitorotoro i Josia rey sady nariany tamy ty Loham-baibon-driaky i Kidrona ao. ¹³Nirava ty mpanjaka ty toera abo antinana i Jerosalema rey, antimo ty vohitsy ty haratia ze namboary i Solomona mpanjakan'Israely ho an'i Astarta, azy sampy mampangoritsy ty Sidoniana iny; ho an'i Kemosy, azy sampy mampangoritsy i Moaba iny; sady ho ahy i Moloka, azy sampy mampangoritsy ty olo lako i Amona iny. ¹⁴Nitorotorony ty tsangam-bato rey sady nitapahiny ty baon'Aseraha sady natsehiny taolan'olombelo toera rey. ¹⁵Nirava i Josia tanteraky avao koa ty alitara ze ta Betela noho ty toera abo ze namboary i Jeroboama anakilahy i Nebata any (azy raiky ze mpanota ty Israely iny). Nioroany avao koa alitara zay noho ty toera abo ka le nitorotorony ho lemboky. Nioroany avao koa ty baon'Aseraha. ¹⁶Laha nanenty ty faritsy Josia, le hainy ty lolo ze tamy ty vohitsy rey eo. Naniraky lahilahy mba hangalaky ty tao baka amy ty lolo ao ie; ka le nioroany tamy ty alitara rey eo ze nandoto zay. Zay ro manahaky ty safa Yaveh ze nivolany ty lahilahin-Janahary, le azy lahilahy ze nivola ty raha taloha rey iny. ¹⁷Le hoy ie: "Tsangabato ino hitako toy?" Lahilahy ty tanà nivola taminy rey hoe: "Io ro lolo ty lahilahin-Janahary ze baka Joda any sady niresaky mikasiky ty raha ze vo nanovinaotamy ty alitara i Betela." ¹⁸Le hoy i Josia: "Engao zay. Tsy misy olo tokony hamalo taolany rey." Ka le nalevin-drozy, niaraky tamy ty taola ty olo to-resaky ze baka a-Samaria any ty taolany. ¹⁹Le nalà i Josia ty tsano iaby tamy ty toera abo ze tamy ty tanà ty Samaria rey any, ze nanovy ty mpanjakan'Israely rey, sady ze nahavy an'Yaveh ho meloky. Nanoviny mitovy tsy misy hafa tamy ze nanovy ta Betela any rey. ²⁰Nivonony tamy ty alitara ty mpisoro ty toera abo iaby rey eo sady nandoro taolan'olombelo tamy rey ie. Bakeo le nimpoly ta Jerosalema any. ²¹Le nibeko ty olo lako iaby ty mpanjaka, nanao hozao: "Embeno ty Paska i Yaveh Njanaharinareo, manahaky ze voasoratsy amy ty Boky ty Fanenkeato so." ²²Tsy nisy fankalaza ty Paska niembena to zay zisiky amy ty andro ty mpitsara ze nanapaky tamy Israely rey eo, ndra tamy ty andro ty mpanjaka ze nanapaky ty Israely rey, ndra tamy ty andro ty mpanjakan'Israely ndra Joda iaby. ²³Fa tamy ty faha folo valo amby tao nanjaka i Josia mpanjaka ro nankalazà ta Jerosalema any Paska i Yaveh zay. ²⁴Niroahy i Josia avao koa ze niresaky tamy ty maty rey ndra tamy ty fanahy rey. Niroahiny avao koa terafima rey, sampy rey, sady rahamampangoritsy iaby ze hita tamy ty tany ty Joda noho tany Jerosalema any rey, mba hampahereza ty safa ty lalà ze voasoratsy tamy ty boky ze hita i Hilkia mpisoro ao tan-tsano i Yaveh ao. ²⁵Taloha i Josia, ro tsy mbo nisy mpanjaka manahaky azy, ze nimpoly tamy Yaveh tamy ty fony iaby, ty fanahiny iaby, sady ty heriny iaby ze nanoriky ty lalà i Mosesy iaby. Sady tsy nisy mpanjaka manahaky

an'i Josia nitsanga tafarany ao.²⁶Ndra zay aza, le tsy nijano ty fireheta ty heloky bevata Yaveh, ze nasiahany tamy i Joda noho ty fanompoan-tsampy iaby ze nivolany i Manase Azy.²⁷Ka le hoy i Yaveh: "Alaoko tsy ho amasoko eo avao koa i Joda, manahaky ty nangalako an'Israely, sady hareko tanà ze nitinginiko toy, le i Jerosalema, noho ty tsano ze nivolaniko hozao: 'Ho ao ty anarako.'"²⁸Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Josia rey, ty raha iaby ze nanoviny, moa tsy fa voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda ao va zay?"²⁹Tamy ty androny, i Farao-neko, mpanjaka i Egipta, le nandeha mba hialy amy ty mpanjaka i Asyria tamy ty Reni-rano Eofrata ao. Nandeha nitsena an'i Neko tan'aly i Josia mpanjaka ao, ka le nivono i Neko ta Megido ao ie.³⁰Mpiasa i Josia nanday azy fa maty tanay kalesa baka Megido any rey, nanday azy ta Jerosalema any, sady nandevy azy tamy ty lolony ao manoka.Le nala ty olo lako ty tany i Joahaza anakilahy i Josia, nihsorany, sady nanoviny ho mpanjaka nanolo ty pilasy ty babany.³¹Ropolo telo amby tao i Joahaza ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka tanay ty telo vola ta Jerosalema ao ie. Ty anaran-dreniny ro i Hamotala;ie ro anak'ampela i Jeremia baka Libna any.³²Nanao ze raty tamaso Yaveh eo i Joahaza, manahaky ty raha ze nanovy ty razambeny rey.³³Nifehezeny i Farao-neko rojo ta Ribla ao amy ty tany i Hamata ao ie, mba tsy hanjakany a-Jersalema ao. Le nampanoneriny i Neko talenta volafoty zato noho talenta volamena raiky i Joda.³⁴Nanovy i Farao-neko ho mpanjaka tamy ty toera i Josia babany eo i Eliakima ana i Josia, sady niovany hoe Joiakima ty anarany. Nefa nanday an'i Joahaza nana Egipta any ie, ka le maty tany i Joahaza.³⁵Nandoa ty volafoty noho volamena tamy i Farao i Joiakima. Mba hamalea ty fangataha i Farao mpanjaka, le nampandoa haba ty tany i Joiakima sady niforisevany mba handoa volafoty noho volamena aminy manahaky ty vitan-drozy ty olo kirai-draiky tamy ty olo lako ty tany.³⁶Ropolo limy amy tao i Joiakima ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka folo raiky amby tao ta Jerosalema ao ie, Ty anaran-dreniny ro i Zebida; ie ro anak'ampela i Pedaia baka Romaha any.³⁷Nanao ze raty tamaso Yaveh eo i Joiakima, manahaky ze nanovy ty razambeny rey.

Chapter 24

¹Tamy ty andro i Joiakima, ro nanafiky an'i Joda i Nebokadneza mpanjaka i Babylona; nanjary mpiasany tanay ty telo tao i Joiakima. Sady niodiky ka le niharo nanohitsy an'i Nebokadneza i Joiakima. ²Nandefa ty tariky Kaldeana, Syriana, Moabita sady Amonita hanohitsy an'i Joiakima i Yaveh; nalefany hanohitsy an'i Joda mba handrava zay ndrozy. Mifanaraky amy ty safa Yaveh, ze nivolaniny tamy ty alala ty olo to-resaky ty mpiasany zay. ³Azo antoky fa tamy ty vava Yaveh ro nahavy zay tamy i Joda, mba hangalaky androzy tsy ho amasony eo, noho ty fahota i Manase, le ze iaby nanoviny, ⁴sady noho ty lio tsy manan-tsiny ze nalatsakiny avao koa, safe natsehiny tamy ty lio tsy manan-tsiny i Jerosalema. Tsy nivonona ty hanenga zay Yaveh. ⁵Laha ty amy ty raharaha hafa iaby mikasiky an'i Joiakima, noho ze nanoviny iaby, moa tsy voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka eo i Joda va zay? ⁶Nimaty niaraky tamy ty razambeny i Joiakima, sady Joiakima anakilahiny ro nanjary mpanjaka nanolo azy. ⁷Tsy nanafiky tambaliky ty taniny any sasy th mpanjaka i Egipta, safe ty mpanjaka i Babylona ro fa nandresy ty tany iaby ze tambany fifeheza ty mpanjaka i Egipta eo, zisiky amy ty loham-baibon-driaky i Egipta ka le zisiky amy ty Renirano Eofrata. ⁸folo valo amby tao i Joiakima ro nanomboky nanjaka; nanjaka telo vola ta Jerosalema any ie. Ty anara ty reniny le i Nehosta; anak'ampela i Elnatana baka Jerosalema any. ⁹Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie; nanao ze iaby nanovy ty babany ie. ¹⁰Tamy fotoa zay ty tafiky i Nebokadneza mpanjaka i Babylona ro nanafiky an'i Jerosalema ka le nanao vava ty tanà. ¹¹Niavy tan-tanà i Nebokadneza mpanjaka i Babylona laha mbo nanao vava zay ty maramila, ¹²sady i Joiakima mpanjaka i Joda nana amy ty mpanjaka i Babylona any, ie, ty reniny, mpiasany rey, mpanjakany rey, sady ty manam-pahefany rey. Nanambotsy azy ty mpanjaka i Babylona tamy ty fahavalo tao nanjakany. ¹³Nala i Nebokadneza baka ao iaby raha sarotsy iaby tan-tsano i Yaveh ao, noho tan-dapa ty mpanjaka rey ao. Nitapahiny ty raha volamena iaby ze nanovy i Solomona mpanjakan'Israely tamy ty egilizy i Yaveh ao, manahaky ze nivolany i Yaveh fa hitsanga. ¹⁴Nalefany ta Jerosalema any iaby, ty mpitariky iaby, noho ty lahilahy ty mpialy iaby rey, tsobo raialy, noho ty mpanao tao-raha rey, sady mpamboatsy iaby rey. Tsy nisy nengany hijano hafa-tsy ty olo mijaly bibiky tamy ty tany eo. ¹⁵Nala i Nebokadneza ho sesin-tany ta Babylona ao i Joiakina, mbamy ty reny ty mpanjaka, valiny rey, ty manam-pahefany, sady ty bey ty lahilahy tamy ty tany rey eo. Nalany ho sesin-tany baka Jerosalema any nana Babylona any ndrozy. ¹⁶Ty lahilahy mpiemby rey iaby, mihisaky fito arivo, mpanao asa tana noho mpamboatsy vy raialy, ndrozy iaby le nanovy ho amy ty aly iaby--ty mpanjaka i Babylona nanday ty lahilahy iaby rey ty ho sesin-tany ho Babylona any. ¹⁷Nanovy ty mpanjaka i Babylona ho mpanjaka hanolo azy i Matania, rahalahin-dreny i Joiakina, sady niovany ho Zedekia ty anarany. ¹⁸Ropolo raiky amby tao i Zedekia ro nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty folo raiky amby tao ta Jerosalema any ie. Hamotala ro anara ty reniny; anak'ampela i Jeremia baka Libna any. ¹⁹Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie; nanoviny ze iaby nanovy i Joiakima. ²⁰Tamy ty heloky Yaveh, ro niboaha ty raha iaby rey ta Jerosalema any noho ta Joda any, zisiky-handroahany an-drozy tsy ho amy ty fanatrehany eo. Sady le niharo nanohitsy ty mpanjaka i Babylona i Zedekia.

Chapter 25

¹Sady tamy ty tao faha sivy nanjaka i Zedekia Mpanjaka, tamy ty faha valo vola, sady tamy ty faha folo andro ty vola, le niavy hanohitsy an'i Jerosalema i Nebokadneza mpanjaka i Babylona noho ty tafikiny iaby. Nipetsaky tanila zay eo ie, sady nampitsangan-drozy rindry miodidy zay. ²Ka le nanovy vava zisiky amy ty faho folo raiky amby tao nanjaka i Zedekia Mpanjaka ty tanà. ³Tamy ty faha sivy andro ty vola faha efatsy tamy tao zay, le namango maré ty mosary tan-tanà ao ka le tsy nisy hany ho ahy ty olo lako ty tany. ⁴Le vaky ty tanà, sady ty lahilahy mpialy iaby nilay tamy ty haly baka amy ty lala ty vavahady eo tanila ty rindry roe eo, ze amy ty zariday ty mpanjaka eo, ndra le niodidy ty tanà iaby aza ty Kaldeana. Nandeha tamy ty lala mana Arba any ty mpanjaka. ⁵Nefa nania an'i Zedekia Mpanjaka ty tafiky i Kaldeana ka le nahatsatsy azy tamy ty mando eo ty loham-baibon-drenirano i Jordana anila i Jeriko. Sady niparitaky niala taminy ty tafikiny iaby. ⁶Nisamborin-drozy ty mpanjaka sady nandesiny niakatsy tamy ty mpanjaka i Babylona ta Ribla any, tany ndrozy ro nitsara azy. ⁷Laha ty amy ty anakilahy i Zedekia koa, nivonon-drozy tamasony eo ndrozy. Bakeo le nipotserin-drozy ty masony, nifeheziny tamy ty rojo saba ie, sady nandesiny ta Babylona any. ⁸Tamy ty faha limy vola, tamy ty faha fito andro ty vola, ze faha folo sivy amby nanjaka i Nebokadneza mpanjaka i Babylona, ro nana Jerosalema any i Nebozaradana, mpiasa ty mpanjaka i Babylona noho bey ty mpiembiny. ⁹Nioroany ty tsano i Yaveh, ty lapa ty mpanjaka, sady ty tsano iaby ta Jerosalema ao; sady nioroany avao koa ze tsano ty bey manan-danja iaby tan-tanà ao. ¹⁰Sady rindry miodidy an'i Jerosalema iaby rey, le nitoro ty tafiky ty Babylona ze tambany fifeheza ty bey ty mpiemby rey. ¹¹Laha ty amy ty olo lako ze sisa tavela tan-tanà ao, ze nandalo ty mpanjaka i Babylona rey, sady ty olo lako ambiny rey—le nalefa i Nebozaradana, mpifehy ty mpiemby an-tsositany ndrozy. ¹²Nefa ty bey ty mpiemby le nanenga ty ilany tamy ty mijaly bibiky amy ty tany mba hiasa ty tanim-boloboky noho ty baibo rey. ¹³Dy ty amy ty andry saba ze tan-tsano Yaveh ao, noho ty tsanga sady ty tavin-drano saba bey ze tan-tsano Yaveh ao, le nitoro ty Kaldeana rey sady nandesin-drozy nimpoly ta Babylona any ty saba. ¹⁴Ty valany rey, lapely, fipetsahan-jiro, sotso, sady ty enta saba iaby ze fampiasa ty mpisoro an-degilizy eo—le nalà ty Kaldeana iaby. ¹⁵Ty valany fandrorahan-daveloky noho ty finga ze vita tamy ty volamena, sady vita tamy ty volafoty rey—le nalà ty kapiteny ty mpiemby ty mpanjaka avao koa. ¹⁶Andry roe rey, ty koveta, sady tsanga ze nanovy i Solomona ho ahy ty tsano i Yaveh rey ro tsy saba tsy hita ho lanjà. ¹⁷Ty hahabo ty andry velohany ro folo valo amby hakiho, sady nipozy kapitaly saba ty farany anabo zay. Telo hakiho ty hahabo azy kapitaly iny, miaraky amy ty harato noho ampongaben-danitsy miodidy azy kapitaly iaby iny, nanovy tamy ty saba iaby. Mitovy amy azy harato velohany iny avao azy raiky hafa iny. ¹⁸Nala ty bey ty mpiemby i Seraia ty bey ty mpisoro, niaraky tamy i Zefania, mpisoro faharo, sady ty mpiemby vavahady telo. ¹⁹Baka an-tsano ao ie ro nangalaky tan-dapa raiky ho gadra ze niantoky ty maramila, sady limy lahy tamy rey le mpanome hevitsy ty mpanjaka, ze mbo tan-tanà ao. Nigadrany avao koa zay manam-pahefa ty tafiky ty mpanjaka ze miantoky ty lahilahy mifofana ho amy ty tafiky ao iny, niaraky taminy enimpolo lahy manan-kaja baka amy ty tany an-tanà ao. ²⁰Sady i Nebozaradana, bey ty mpiemby, nangalaky sady nanday androzy tamy ty mpanjaka i Babylona any ta Ribla any. ²¹Nivono ty mpanjaka i Babylona ta Ribla ao tamy ty tany Hamata ao ndrozy. Manahaky zay ro nanova sesin-tany an'i Joda tambaliky ty taniny any. ²²Laha ty amy ty olo lako ze nijano tamy ty tany i Joda any, ze nalevy i Nebokadneza mpanjaka i Babylona rey, le nampipetsaky an'i Gedalia anakilahy i Ahikama ana i Safana, hiantoky androzy ie. ²³Sady lafa ré i ty bey ty maramila iaby, ndrozy noho ty olony, fa nanovy ty mpanjaka i Babylona governora i Gedalia, le nandeha tamy ty Gadalia any ta Mizpa any ndrozy. Ndreto lahilahy zay, Ismaela anaoilahy i Netania, Johanana anakilahy i Karea, Saraia anakilahy i Tanometa azy Netofatita iny, sady i Jazania anakilahy azy Makatita iny—ndrozy noho ty olo-drozy. ²⁴Nanao fifanta tamin-drozy noho tamy ty olony rey i Gedalia, sady nivola tamin-drozy hozao: "Ka matahotsy manam-pahefa i Kaldeana rey nareo. Mipetsaha amy ty tany eo sady manompoa ty mpanjaka i Babylona, sady ho soa ho anareo zay." ²⁵Nefa tamy ty faha fito vola i Isamaela anakilahy i Elisama, baka amy ty longo ty mpanjaka, le nandeha niaraky taminy folo lahy sady nanafiky an'i Gedalia. Mety niaraky tamy ty olo i Joda noho ty Babylona ze niaraky taminy ta Mizpa any rey i Gedalia. ²⁶Sady ty olo lako iaby, ty kelikely bibiky ka le zisiky amy ty bey bibiky, sady ty bey ty maramila rey, ro niala sady nana Egipta any, safe natahotsy an'i Babylona rey ndrozy. ²⁷Tafara tato tamy ty faha telopolo fito amby tao naha-sositany an'i Joakina mpanjaka i Joda, ty faha folo roe amby vola, andro faha ropolo fito amby vola, ro namototsy an'i Joakina mpanjaka i Joda tan-gadra any i Evila-merodaka mpanjaka i Babylona. Tamy ty tao nanomboha i Evila-merodaka nanjaka zay ro niboaha. ²⁸Niresaky taminy tamy ty hasoam-panahy noho nanome seza fipetsaha manan-kaja vatany noho ty ahy ty mpanjaka hafa ze niaraky taminy rey ta Babylona ao ie. ²⁹Nalà i Evila-merodaka ty siky maha-gadra an'i Joakina, sady i Joakina ro nihina tamy ty latabatsy ty mpanjaka tanay ty androm-piainany. ³⁰Namea solon-kany isan'andro ie tanay ty androm-piainany.

1 Chronicles

Chapter 1

¹Adama, Seta, Enosy, ²Kenana, Mahalalila, Jereda, ³Enoka, Metosela, Lameka. ⁴Sema, Hama noho Jafeta ro anakilahy i Noa. ⁵Anakilahy i Jafeta rey le Gonera, Magoga, Maday, Javana, Tobala, Maseta, sady Tirasa. ⁶Sady anakilahy i Gomera rey le Askenaza, Rifata, sady Togarma. ⁷Anakilahy i Javana rey le Elisa, Tarisisy, Kitima, sady Dodanita. ⁸Anakilahy i Hama rey le i Kosy, Mizraima, Pota, sady Kanana. ⁹Anakilahy i Kosy rey le i Seba, Havila, Sabta, Ragama, sady Sabketa. Anakilahy i Ragama le i Seba noho Dedana. ¹⁰Hondy koa niteraky an'i Nimroda, ze mpandresy velohany tan-tany teto. ¹¹Mizraima ro nanjary razambey Lodita rey, Anamita, Lehabita, Naftohita, ¹²Patrosita noho ty Kaslohita (ze niavia Filistina rey), sady Kaftorita rey. ¹³Kanana niteraky an'i Sidona, anakilahiny velohany, noho Heta. ¹⁴Nanjary razambey ty Jebosita, Amorita, noho Girgasita, ¹⁵Hivita, Arkita, Sinita, ¹⁶Arvadita, Zemarita, sady ty Harnatita avao koa ie. ¹⁷Anakilahy i Sema rey ro Elama, Asyra, Arpahada, Loda, Arama, Oza, Hola, Gatera, sady Maseka. ¹⁸Arpaksada niteraky an'i Sela, sady Sela niteraky an'i Ebera. Nana anaky roe lahy i Ebera. ¹⁹Ty anara ty raiky le Palega, safe tamy ty androny ro nizara ty tany. Juktana ty anara ty rahalahiny. ²⁰Juktana niteraky an'i Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera, ²¹Hadorama, Ozala, Dikla ²²Ebala, Abimaela, Seba, ²³Ofira, Havila, Jobaba; tariha i Juktana iaby rey. ²⁴Sema, Arpaksada, Sela, ²⁵Ebera, Palega, Reo, ²⁶Seroga, Nahora, Tera, ²⁷Abrama, ze Abrahamana zay. ²⁸Anakilahy i Abrahamana rey ro Isaka noho Ismaela. ²⁹Ndreto iaby ty anakilahin-drozy: ty anakilahiny Isajela velohany le i Nebaiota, bakeo Kedara, Abdela, Mibsama, ³⁰Misma, Doma, Masa, Hadada, Tema, ³¹Jetora, Nafisy, sady Kedma. Rey ro anakilahy i Ismaela. ³²Anakilahy i Ketora rey, valy masay i Abrahamana, ro i Zimrama, Joksana, Medana, Midiana, Jisbaka, sady Soaha. Anakilahy i Joksana rey le i Sheba noho Dedana. ³³Anakilahy i Midiana rey le i Efaha, Efera, Hanoka, Abida, sady Eldaha. Iaby iaby rey ro tariha i Ketora. ³⁴Abrahamana niteraky an'Isaka. Anakilahy i Isaka rey le Esao noho Israely. ³⁵Anakilahy i Esao ro Elifaza, Regoela, Jeosy, Jalama, sady Kora. ³⁶Anakilahy i Elifaza rey ro Temana, Omara, Zefo, Gatama, Kenaza, Timna, sady Amaleka. ³⁷Anakilahy i Regoela rey ro i Nahata, Zera, Sema, sady Miza. ³⁸Anakilahy i Seira rey ro i Lotana, Sobala, Zibona, Ana, Disona, Ezera, sady Disana. ³⁹Anakilahy i Lotana rey ro i Hori noho Homana, sady Timna ro anabavy i Lotana. ⁴⁰Anakilahy i Sobala rey ro Aliana noho Manahata, Ebala, Sefy, sady Onama. Anakilahy i Zibona rey ro Aia noho Ana. ⁴¹Ty anakilahy i Ana ro Disona. Anakilahy i Disona rey ro Hamrana, Esbana, Jitrana sady Kerana. ⁴²Anakilahy i Ezera rey ro Bilana, Zavana, sady Jakana. Anakilahy i Disana rey ro Oza noho Arana. ⁴³Ndreto iaby mpanjaka ze nanjaka tamy ty tany Edoma taloha ty nanjaka ze mety ho mpanjaka tamy Israelita rey eo any: Bela anakilahy i Beora, sady ty anara ty tanàny ro Dinaba. ⁴⁴Lafa maty Bela, le Jobaba anakilahy i Zera baka Bozra any ro nanjaka nanolo ty pilasiny. ⁴⁵Lafa maty Jobaba, le Hosama baka amy ty tany ty Temanita any ro nanjaka nanolo ty pilasiny. ⁴⁶Lafa maty Hosama, le i Hadada anakilahy i Bedada, ze nandresy Midianita rey tamy ty tany i Moaba any, ro nanjaka nanolo ty pilasiny. Avita ro anara ty tanàny. ⁴⁷Lafa maty Hadada, le nanjaka tamy ty toerany eo i Samla baka Masreka any. ⁴⁸Lafa maty Samla, le nanjaka nanolo ty pilasiny i Saoly baka Rehobota Hanahara any. ⁴⁹Lafa maty Saoly, le nanjaka nanolo ty pilasiny i Bala-hanana anakilahy i Akbora. ⁵⁰Lafa maty Bala-hanana anakilahy i Akbora, le nanjaka nanolo ty pilasiny i Hadara. Pao ro anara ty tanàny. Ty anara valiny le Mehetabela anak'ampela i Matreda anak'ampela i Me-zahaba. ⁵¹Maty Hadada. Sady ty loha foko a-Edoma any rey le i Timna, Alva, Jetata, ⁵²Oholibama, Elaha, Pinona, ⁵³Kenaza, Temana, Mibzara, ⁵⁴Magdiela, sady Irama. Rey ro loha ty foko a-Edoma any.

Chapter 2

¹Ndreto iaby anakilahy i Israely rey: Robena, Simeona, Levy, Joda, Isakara, Zebolona, ²Dana, Josefa, Benjamina, Naftaly, Gada, sady Asera. ³Anakilahy i Joda rey le i Era, Onana, sady Sela, ze naterakiny tamy ty anak'ampela i Batsoa, azy Kananita iny. Era, anakilahiny i Joda velohany, ro raty fanahy tamaso Yaveh eo, sady nivonao Yaveh ie. ⁴Tamara, vinantony ampela, niteraky an'i Fareza noho Zera taminy. Nana anakilahy limy i Joda. ⁵Hezrona noho Hamola ro anakilahy i Fareza. ⁶Anakilahy i Zera rey koa ro Zimry, Etana, Hemana, Kalkola, sady Dara, limy ty fiharoany. ⁷Ty anakilahy i Karmy le i Akara, ze nanday fikorontana tamy Israely eo lafa nangalatsy ze voatoka ho ahy Njanahary ie. ⁸Azaria ro anakilahy i Etana. ⁹Jeramela, Rama, sady Kelobay ro anakilahy i Hezrona. ¹⁰Rama niteraky an'i Aminadaba, sady Aminadaba niteraky an'i Nasona, mpitariky raiky amy tariha i Joda eo rey. ¹¹Nasona niteraky an'i Salma, sady Salma nitereky an'i Boaza. ¹²Boaza niteraky an'i Obeda, sady Obeda niteraky an'i Jese. ¹³Jese niteraky an'i Eliaba anakilahiny velohany, i Abinadaba faha roe, Simea faha telo, ¹⁴Netanela faha efatsy, Reday faha limy, ¹⁵Ozema faha eny, sady Davida faha fito. ¹⁶Abigaila noho Zeroba ro anabavin-drozy. Abisay, Joaba, sady Asahela, telo mirahalany ro anakilahy i Zeroba. Abigaila anakilahy i Zeroba. ¹⁷Abigaila niteraky an'i Amasa, ze Jitra azy Ismaelita iny ro babany. ¹⁸Kaleba anakilahy i Hezrona niteraky anaky iaby tamy i Azoba, valiny, noho tamy i Jeriota. Jasera, Sobaba, sady Ardona ro anakilahiny. ¹⁹Maty Azoba, sady le nala i Kaleba ho valy i Efrata, ze niteraky an'i Hora taminy. ²⁰Hora niteraky an'i Ory, sady Ory niteraky an'i Bezalila. ²¹Tafara tato Hazrona (lafa enim-polo tao ie) le nampiakatsy ty anak'ampela i Makira, baba i Gileada. Niteraky an'i Segoba taminy ie. ²²Segoba niteraky an'i Jaira, ze nifehy tanà ro-polo telo amby tamy ty tany i Gileada. ²³Nala i Gesora noho Arama ty renivohitsy i Jaira noho Kenata, mbamy renivohitsy enim-polo miodidy rey. Samby tariha i Makira, baba i Gileada iaby olo mipetsaky iaby rey. ²⁴Tafara ty nahafatesa i Hezrona, le niroro niaraky tamy i Efrata, valy i Hezrona babany i Kaleba. Niteraky an'i Asora, baba i Tekoa taminy ie. ²⁵Sady anakilahy i Jeramela rey, azy lahilahy i Hezrona iny, le i Rama azy anakilahiny velohany iny, Bona, Orena, Ozema, sady Ahia. ²⁶Mbo nanam-baly hafa koa i Jeramela, ze Atara ro anarany. Ie ro reny i Onama. ²⁷Anakilahy i Rama rey, azy anakilahiny i Jeramela velohany iny, le i Maza, Jamina, sady Eker. ²⁸Samay noho Joda ro anakilahy i Onama. Nadaba noho Abisora ro anakilahy i Samay. ²⁹Ty anara ty valy i Abisora ro Abihaila, sady niteraky an'i Abana noho Molida taminy ie. ³⁰Saleda noho Alaima ro anakilahy i Nadaba, fa i Seleda koa ro maty tsy nanan'anaky. Jisy ro anakilahy i Apaima. ³¹Sesana ro anakilahy i Jisy. Ahelay ro anakilahy i Sesana. ³²Anakilahy i Jada rey, rahalahy i Samay, ro Jatera noho Jonatana. Maty tsy nanan'anaky i Jatera. ³³Paleta noho Zaza ro anakilahy i Jonatana. Rey ro tariha i Jeramela. ³⁴Sady Sesana tsy nanan'anakilahy, fa anak'ampela avao, Nana mpiasa i Sesana, ze Egyptiana, Jara ro anarany. ³⁵Namea i Sesana ho an'i Jara mpiasany ty anak'ampelany mba ho valiny. Niteraky an'i Atahy taminy ie. ³⁶Atahy niteraky an'i Natana, sady Natana niteraky an'i Zabada. ³⁷Zabada niteraky an'i Efiala, sady Efiala niteraky an'i Obeda. ³⁸Obeda niteraky an'i Jeho. sady Jeho niteraky an'i Azaria. ³⁹Azaria niteraky an'i Haleza, sady Haleza niteraky an'i Elasa. ⁴⁰Elasa niteraky an'i Sismay, sady Sismay niteraky an'i Saloma. ⁴¹Saloma niteraky an'i Jekamia, sady Jekamia niteraky an'i Elisama. ⁴²Anakilahy i Kaleba rey, rahalahy i Jeramela, ro Mesa anakilahiny velohany, ze razambey ty Zifa any. Ty anakilahiny faharo, Maresa, ro razambey ty Hebrona any. ⁴³Kora, Tapoa, Rakema, sady Sema ro anakilahy i Hebrona. ⁴⁴Sema niteraky an'i Rahama, baba i Jorkeama. Rakema niteraky an'i Samay. ⁴⁵Maona ro anakilahy i Samay, sady Maona ro razambey i Beti-zora. ⁴⁶Efaha, valikely i Kaleba, niteraky an'i Harama, Moza, sady Gazeza. Sady Harama niteraky an'i Gazeza. ⁴⁷Ragama, Jotama, Gesana, Paleta, Efaha, sady Safa ro anakilahy i Jeday. ⁴⁸Mangalà, valikely i Kaleba, niteraky an'i Sabera noho Tirana. Niteraky an'i Safa razambey Madmana any, Seva razambey ty Makbena any noho razambey ty Gibeany avao koa ie. ⁴⁹Ty anak'ampela Kaleba ro i Aksa. Rey ro tariha i Kaleba. ⁵⁰Ndreto iaby ty anakilahy i Hora, anakilahiny velohany baka amy i Efrata: Sobala razambey ty kiriata-jearima any, ⁵¹Salma razambey i Betlehema, sady Harefa razambey ty Beti-gadera any. ⁵²Sobala razambey ty Kiriata Zarima any ro nana tariha: Haroe, ty antsasaky ty olo lako Hamenakota, ⁵³sady foko i Kiriata Zarima rey: ro Jitrita rey, Potita, Somatita, sady Misraitita. Zoraita rey noho Estaolita ro tariha baka amin-drozy. ⁵⁴Manaraky reto ty foko i Salma: Betlehema, Netofatita rey, Atrota Beti-Joaba, sady ty antsasaky Hamanatita Rey---Zoraita rey, ⁵⁵foko mpanora-dalà rey ze nipetsaky ta Jabeza any: Tiratita rey, Simeayita, sady ty Sokatita. Rey ro Kenita ze tariha baka amy i Hamata, razambey ReKabita rey.

Chapter 3

¹Sady ndreto iaby ty anakilahy i Davida ze naterakiny ta Hebrona any: Amnona ro anakilahy velohany, anaky i Ahinoama baka Jezirela any; Daniela ro faharoe, anaky i Abigaila baka Karmela any; ²Absaloma, anaky i Maka, anak'ampela i Talmay mpanjaka i Gesora ro fahatelo. Adonia anakilahy i Hagita ro fahaefatsy; ³Sefatia anakilahy i Abitala ro fahalimy; Jitrema anakilahy i Egla valiny ro fahaeny. ⁴Eny rey ro nateraky i Davida ta Hebrona ao, ze nanjakany anay ty fito tao noho enim-bola. Bakeo ie nanapaky anay ty telopolo telo amby tao ta Jerosalema ao. ⁵Ndreto aja lahilahy efatsy reto, ze baka amy i Batsoa anak'ampela i Amiela, ro naterakiny ta Jerosalema any: Simea, Sobaba, Natana, sady Solomona. ⁶Anakilahy i Davida sivy hafa rey ro: Jibara, Elisama, Elifeleta, ⁷Noga, Nafega, Jafia, ⁸Elisama, Eliada, sady Elifeleta. ⁹Rey ro anakilahy i Davida, tsy anay zay ao anakiny rey baka amy valikeliny rey. Tamara ro anabavin-drozy. ¹⁰Rehoboama ro anakilahy i Solomona. Abia ro anakilahy i Abia. Josafata ro anakilahy i Asa. ¹¹Jehorama ro anakilahy i Josafata. Ahazia ro anakilahy i Jehorama. Joasy ro anakilahy i Ahazia. ¹²Amazia ro anakilahy i Joasy. Azaria roanakilahy i Amazia. Jotama ro anakilahy i Azaria. ¹³Ahaza ro anakilahy i Jotama. Hezekia ro anakilahy i Ahaza. ¹⁴Manase ro anakilahy i Hezekia. Amona ro anakilahy i Manase. Josia ro anakilahy i Amona. ¹⁵Johanana ro anaky i Josia velohany, Joiakima ro faharoe, Zedekia ro fahatelo, sady Saloma ro fahaefatsy. ¹⁶Jekonia noho Zedekia ro anakilahy i Joiakima. ¹⁷Anakilahy i Jekonia rey, azy tea iny, le Sealtiel, ¹⁸Malkirama, Pedaia, Senazara, Jekamia, Hosama, sady Nedabia. ¹⁹Zerobabela noho Simey ro anakilahy i Pedaia. Mesolama noho Hanania ro anakilahy i Zerobabela; Selomita ro anabavin-drozy. ²⁰Anakilahiny limy hafa rey ro Hasoba, Ohela, Berekia, Hasadia, sady Josaba-heseda. ²¹Anakilahy i Hanania rey ro Pelatita noho Jisaia. Rafaia ro anakilahiny, sady Arnana, Obadia, noho Sekania ro tariha bevata maré. ²²Semaia ro anakilahy i Sekania. Hatosy, Jigala, Baria, Nearia, sady Safata ro anakilahy i Semaia. ²³Anakilahy i Nearia telo rey ro Elioenay, Hezekia, sady Azrikama. ²⁴Anakilahy i Elioenay fito rey ro Hodaia, Eliasiba, Pelaia, Akoba, Johanana, Delaia, sady Anany.

Chapter 4

¹Tariha i Joda rey ro Fareza, Hezrona, Karmy, Hora, sady Sobala. ²Sobala ro baba i Reaia. Reaia ro baba i Jahata. Jahata. ro baba i Ahomay noho Lahada. Rey ro razambey ty foko Zoraita rey. ³Ndreto iaby razambey foko rey tamy ty tanà i Etama ao: Jezirela, Jisma, sady Jidbasy. Hazelelpony ro anara ty anabavin-drozy. ⁴Penoela ro razambey ty foko tamy ty tanà i Gedora ao. Ezera ro nanomboha foko rey ta Hosa ao. Rey ro tariha i Hora, azy anakilahiny velohany iny a-Betlehema any. ⁵Asora razambey ty Tekoa any ro nana valy roe, Hela noho Nara. ⁶Nara niteraky an'i Ahozama, Hafera, Temeny sady Hahastary. Rey ro anakilahy i Nara. ⁷Anakilahy i Hela rey ro Zareta, Jizara, Etnana ⁸sady Hakoza, niteraky an'i Anoba noho ty Zobeba, noho ty foko baka amy ty tariha i Aharela anakilahy i Haroma. ⁹Jabeza ro voahajavatany noho rahalahiny rey. Jabeza ro nikaihy ty reniny azy. Hoy ie hozo: "Safe tamy ty faharary ro niterahako azy." ¹⁰Nikaiky an'i azy Njanahary ty Israely i Jabeza sady nivola hozo: "Laha hitahy ahy vatany Iha, le ahitaro ty faritaniko, sady ty tananao hitahy ahy. Lafa manao zay Iha le hiaro ahy amy ty raty, mba ho afaky amy ty faharary zaho!" Ka le nitanterahin-Janahary ty fivavahany. ¹¹Keloba rahalahy i Soha niteraky an'i Mehira, ze baba i Estona. ¹²Estona niteraky an'i Betirafa, Pasea, sady Tehina, ze namboatsy ty tanà i Ir-nahasa. Dreto iaby olo mipetsaky ta Reka so rey. ¹³Anakilahy Kenaza rey ro Otniela noho Seraia. anakilahy i Otniela rey ro Hatata noho Meonotahy. ¹⁴Meonotahy niteraky an'i Ofra, sady Seraia niteraky an'i Joaba, azy nanomboha ty loham-baibo ty mpiasa iny, ze mpanao asa-tana ty olo lakony. ¹⁵Anakilahy i Kaleba rey anakilahy i Jefona ro Iro, Elaha noho Nama. Ty anakilahy i Elaha ro Keneza. ¹⁶Anakilahy i Jehalalila rey ro i Zifa, Zifaha, Tiria sady Asarela. ¹⁷Anakilahy i Ezra rey ro i Jatera, Mareda, Efera sady Jalona. Azy Egyptiana valy i Mareda iny le niteraky an'i Miriama, Samay sady Jisba, ze razambey ty Estemoa any. Rey ro anakilahy i Bitia, anaj'ampela i Farao, ze nivaly i Mareda. ¹⁸Azy Jiosy valy i Mareda iny ro niteraky an'i Jareda, ze niteraky an'i Gedora; Hebera, ze niteraky an'i Soko; sady Jakotiela ze niteraky an'i Zanoa. ¹⁹Ty amy anakilahy roe rey valy i Hodia, anabavy i Nahama, ty raiky ro niteraky an'i Keila azy Garmita iny. Azy hafa iny ro Estemoa azy Makatita iny. ²⁰Rey ro anakilahy i Simona ro i Amnona, Rina, Ben-hanana, sady Tilon. Rey anakilahy i Jisy ro i Zoheta noho Ben-zoheta. ²¹Tariha i Sela anakilahy i Joda rey ro Era baba i Leka, Lada baba i Meresa noho foko mpanao rongony foty maliniky rey ta Asbea any, ²²Jokima, olo lako i Kozeba rey, sady Joasy noho Sarafa, ze nana hanana ta Moaba ao, nefa nimpoly ta Betlehema any. (Baka amy soratsy taloha tampionara rey io). ²³Ty ilany tamy olo mpanefy tanimanga rey ro nipetsaky ta Netaima noho Gadera ao sady niasa ho ahy ty mpanjaka. ²⁴Tariha i Simeona rey ro Nemoela, Jamona, Jariba, Zera sady Saoly. ²⁵Saloma ro anakilahy i Saoly, Mibsama ro anakilahy i Saloma, sady Misma ro anakilahy i Mibsama. ²⁶Tariha i Misma rey ro i Hamoela anakilahiny, Zakora zafiny, sady Simey zafiafiny. ²⁷Simey ro nana anakilahy folo enin'amby sady anak'ampela eny. Ty rahalahiny ro tsy nana anaky lako, ka le tsy nitombo manahaky ty olo lako i Joda ty hisaky ty fokony rey. ²⁸Nipetsaky ta Beri-sheba ao, Molada, noho ta Hazara-soala ndrozy. ²⁹Nipetsaky ta Bila ao, Ezema noho Tolada, ³⁰Betoela, Horma noho Ziklaga, ³¹Beti-markabota, Hazara-sosima, Beti-biry sady Saraima avao koa ndrozy. Rey ro tanàn-drozy zisiky hanjakà i Davida. ³²Tanà limin-drozy rey ro Etama, Aina, Rimona, Tokena, sady Asana, ³³niaraky amy tanà miodidy rey zisiky a-Bala any. Rey ro fipetsahan-drozy, sady ndrozy ronitandraky ty tahiry ty tetiara. ³⁴Mpitariaky rey ty foko ro i Mesobaba, Jamleka, Josa anakilahy i Amazia, ³⁵Joela, Jeho anakilahy i Josibia anakilahy i Seraia anakilahy i Asiela, ³⁶Elioenay, Jakoba, Jesohaia, Asaia, Adiela, Jesimiela noho Benaia, ³⁷sady Ziza anakilahy i Sify anakilahy i Alona anakilahy i Jedaia anakilahy i Simry anakilahy i Semaia. ³⁸Anara voatono rey ro mpitariky tamy ty fokon-drozy ao, sady mitombo lako fokony rey. ³⁹Nandeha anila i Gedora any ndrozy, tamy ty ilany antinana ty loham-baibo any, mba hila akata ho ahy ty aondry noho aosin-drozy. ⁴⁰Nahita akata lako sady soa ndrozy. Nalalaky, moramora, sady nilamy tany iny. Fa nipetsaky ta Hamita any taloha any. ⁴¹Voasoratsy anara rey ro avy tamy ty andro i Hezekia mpanjaka i Joda, ka le nanafiky ty fipetsaha i Hamita noho Meonita rey, ze tao avao koa. Narobakin-drozy tanteraky ndrozy sady nipetsaky tao safe nahita akata ho ahy aondry noho aosin-drozy rey. ⁴²Nisy lahilahy diman-jato baka amy ty foko i Simeona nana amy ty vohitsy Seira any, niaraky tamy mpitarikin-drozy rey le i Peletia, Nearia, Refaia, sady Oziela anakilahy i Jisy. ⁴³Nandresy ty sisa afaky tamy ty Amalekita ndrozy, ka le nipetsaky tao zisiky androany.

Chapter 5

¹Anakilahy i Robena rey azy anakilahy Israely velohany rey---sady Robena ro anakilahy Israely, kanefa namea an'i anakilahy i Josefa anakilahy Israely ty zokiny safe nandoto ty fandrea babany i Robena. Ka le tsy voasoratsy ho anakilahy zokiny bibiky ie. ²Joda ro natanjaky bibiky tamy rahalahiny rey, sady baka aminy ro niavia ty mpitariky. kanefa ty zoky ro an'i Josefa--- ³anakilahy i Robena rey, azy anakilahy velohany Israely iny ro i Hanoka, Palo, Herzo, sady Karmy.⁴Ndreto iaby ty tariha i Joela: ty anakilahy i Joela ro u Semaia. ⁵Ty anakilahy i Semaia ro i Goga. Ty anakilahy i Goga ro i Simeï. Ty anakilahy i Simeï le i Mika. Ty anakilahy i Mika ro i Reaia. Ty anakilahy i Reaia ro i Bala. ⁶Ty anakilahy i Bala ro i Bera, azy nala i Tiglato-pilesera mpanjaka i Asyria ho gadra iny. Bera ro mpitariky tamy ty foko i Robena ao. ⁷Manaraky reto ty longo i Bera baka amy fokony rey, ze voatanisa amy ty hajary ty tetiaran-drozy ao: Jeïela ro zokiny bibiky, Zakaria, noho ⁸Bela anakilahy i Azaza anakilahy i Sema anakilahy i Joela. Nipetsaky ta Aroera any, zisiky a-Nebo any sady Balameona, ⁹sady manantinana any manomboky amy ty efitsy ze miitatsy zisiky amy ty renirano Efrata eo any ndrozy. Zay safe nana biby haré lako tamy ty tany i Gileada eo ndrozy.¹⁰Tamy ty andro i Saoly, ro nanafiky an'i Hagrita rey ty foko i Robena sady nandresy azy rozy. Nipetsaky tamy ty lay Hagrita rey ao nameno ty tany iaby tan-tinana i Gileada any ndrozy. ¹¹Nipetsaky tanilan-drozy eo ty mpikamba tamy ty foko i Gada ao, tamy ty tany Basana ao zisiky a-Seleka any.¹² Ty mpitariky ndrozy le i Joela, ze lehibe ty foko, sady Safama ro lehibe ty foko hafa, sady Janay nojo Safata ta Basana any. ¹³Longon-drozy rey, baka amy longom-babany rey, le i Mikaela, Mesolama, Seba, Joray, Jakana, Zia, sady Ebera---fito ty fiharoany.¹⁴Olo voa tono anara anabo eo rey ro tariha i Abihaila rey, sady Abihaila ro anakilahy i Hory ro anakilahy i Jaroa. Jaroa ro anakilahy i Gileada, Gileada ro anakilahy i Mikaela. Mikaela ro anakilahy i Jesisay. Jesisay ro anakilahy i Jado. Jado ro anakilahy i Boza. ¹⁵Ahita anakilahy i Abdiela anakilahy i Gony, ro loha ty longo ty baban-drozy.¹⁶Nipetsaky ta Gileada ao, ta Basana ao, tamy ty renivohitsiny ao ndrozy, sady tamy ty tany fihinanam-biby i Sarona any iaby zisiky amy ty sisin-taniny. ¹⁷Iaby rey ro voatanisa manahaky ty tahiry tetiara tamy ty andro i Jotama mpanjaka i Joda noho tamy i Jeroboama mpanjakan'Israely.¹⁸Robenita rey, Gadita rey, sady ty antsasaky ty foko i Manase ro nana maramila efatsy arivo noho efatsy aly voahofa ho amy ty aly, ze nitàndraky fiaro noho meso-bevata, safy nanampatsy ty kititsy. ¹⁹Nanafiky an'i Agarita rey, Jetora, Nafisy, safy Nodaba ndrozy.²⁰Nandramby fanampea baka amy Njanahary ndrozy mba hamangoa androzy. Tamy fomba zay, ro naharesy Agarita rey noho ze iaby niaraky tamin-drozy. Zay safe nangataky tamy Njanahary tanay ty aly any ty Israelita, sady namaly androzy le, safe nampipetsaky ty fitokisany taminy ndrozy. ²¹Nisamborin-drozy ty biby harény, anay zay ty rameva dimy aly, aondry noho aosy 250. 000, boriky roa rivo, sady lahilahy 100.000. ²²safe Njanahary nialy ho androzy, le nivonon-drozy ty halakoa fahavalo rey. Nipetsaky tamy ty taniny ao ndrozy zisiky iavia ty fanagadra.²³Nipetsaky tamy ty tany Basana eo zisiky a-Bala Hermona noho Senira any (Vohitsy Hermona zay) ty antsasaky ty foko i Manase. ²⁴Ndreto iaby ty mpitariky ty longon-drozy: Efera, Jisy, Eliala, Azriela, Jeremia, Hadavia, sady Jadiela. Ndrozy ro lahilahy mahery noho bey risim-po, lahilahy malaza, mpitariky ty longon-drozy. ²⁵Kanefa tsy nahatoky ty Njanahary razambe ndrozy rey. Fa koa, nanompo ty Njanahary olo lako ty tany rey, ze fa niravan-Janahary tanilan-drozy eo. ²⁶Azy Njanaharin'Israely nandrisiky an'i Pola mpanjaka i Asyria iny (kaihy avao koa hoe Tiglato-pilesera, mpanjakan'i Asyria). Nalefany sesin-tany Robenita rey, Gadita, sady ty antsasaky ty foko i Manase. Nandesy ta Hala, Habora, Hara, any sady tamy ty renirano i Gozana any ndrozy, ze hipetsahan-drozy zisiky androany.

Chapter 6

¹Anakilahy i Levy rey le i Gersona, Kehata, sady Merary.² Anakilahy i Kehata rey le i Amrama, Jizara, Hebrona, sady Oziela.³ Anakilahy i Amrama rey le i Arona ro Nadaba, Abiho, Eleazara, sady Itamara.⁴ Eleazara niteraky an'i Finehasa, sady Finehasa niaraky an'i Abisoa.⁵ Abisoa niteraky an'i Ozy.⁶ Ozy niteraky an'i Zerahia, sady Zerahia niteraky an'i Meraiota.⁷ Meraiota niteraky an'i Amaria, sady Amaria niteraky an'i Ahitoba.⁸ Ahitoba niteraky an'i Zadoka, sady Zadoka niteraky an'i Ahimaza.⁹ Ahimaza niteraky an'i Azaria, sady Azaria niteraky an'i Johanana.¹⁰ Johanana niteraky an'i Azaria, ze nanompo tamy ty egilizy ze namboary i Solomona ta Jerosalema ao.¹¹ Azaria niteraky an'i Amaria, sady Amaria niteraky an'i Ahitoba.¹² Ahitoba niteraky an'i Zadoka, sady Zadoka niteraky an'i Saloma.¹³ Saloma niteraky an'i Hilikia, sady Hilikia niteraky an'i Azaria.¹⁴ Azaria niteraky an'i Seraia, sady Seraia niteraky an'i Jozadaka.¹⁵ Lasa tea i Jozadaka lafa nanovy i Yaveh sesin-tany tamy ty tanà i Nebokadneзара i Joda noho Jerosalema.¹⁶ Anakilahy i Levy rey ro Gersona, Kehata, sady Merary.¹⁷ Anakilahy i Gersona rey ro Libny noho Semey.¹⁸ Anakilahy i Kehata rey ro i Amrama, Jizara, Hebrona, sady Oziela.¹⁹ Anakilahy i Merary rey ro i Maly noho Mosy. Lasa foko i Levy baka amy longo-babany rey ndrozy.²⁰ Anakilahy Gersona rey ro nanomboky tamy i Libny anakilahiny. Ty anakilahy i Libny ro i Johata. Ty anakilahiny ro i Zima.²¹ Ty anakilahiny ro i Joa. Ty anakilahiny ro i Ido. Ty anakilahiny ro i Zera. Ty anakilahiny ro i Jeateray.²² Tariha i Kehata rey ro nanomboky tamy i Aminadaba anakilahiny. Ty anakilahiny ro i Kora. Ty anakilahiny ro i Asiria.²³ Ty anakilahiny ro i Elkana. Ty anakilahy ro i Ebiasafa. Ty anakilahiny ro i Asira.²⁴ Ty anakilahiny ro i Tahata. Ty anakilahiny ro i Oriela. Ty anakilahiny ro i Ozia. Ty anakilahiny ro i Saoly.²⁵ Anakilahy i Elkana rey ro i Amasay, Ahimota, sady Elkana.²⁶ Ty anakilahy i Elkana faharoe toy ro i Zofay. Ty anakilahiny ro i Nahata.²⁷ Ty anakilahiny ro i Eliaba. Ty anakilahiny ro i Jerohama. Ty anakilahiny ro i Elkana.²⁸ Anakilahy i Samoela rey, le i Joela anakilahiny velohany, sady Abia, ro faharoe.²⁹ Ty anakilahy i Merary to Maly. Ty anakilahiny ro Libny. Ty anakilahiny ro Semey. Ty anakilahiny ro Oza.³⁰ Ty anakilahiny ro Simea. Ty anakilahiny ro Hagia. Ty anakilahiny ro Asaia.³¹ Ndreto iaby anara lahilahy ze nanovy i Davida hiantoky ty raha-maneno an-tsano Yaveh ao rey, tafara ty nijanona ty fiondrana ao.³² Nanompo tamy ty fihira aloha ty tabernakely, azy tsano lay fitojeha ndrozy iny, zisiky mahavita i Solomona ty tsano Yaveh ta Jerosalemao. Nahavita ty asa nifanaraky tamy torohevitsy ze namea androzy rey rozy.³³ Ndreto iaby ze nanompo niaraky tamy anakilahiny rey. Baka amy ty foko ty Kehatita i Hemana mpititiky raha-maneno. Ndreto iaby razambeny rey, mimpolia manahaky ty fotoa: Hemana ro anakilahy i Joela. Joela ro anakilahy i Samoela.³⁴ Samoela ro anakilahy i Elkana. Elkana ro anakilahy i Jerohama. Jerohama ro anakilahy i Eliala. Eliala ro anakilahy i Toa.³⁵ Toa ro anakilahy i Zofa. Zofa ro anakilahy Elkana. Elkana ro anakilahy i Mahata. Mahata ro anakilahy i Amasay. Amasay ro anakilahy i Elakana.³⁶ Elkana ro anakilahy i Joela. Joela ro anakilahy i Azaria. Azaria ro anakilahy i Zefania.³⁷ Zefania ro anakilahy i Tahata. Tahata ro anakilahy i Asira. Asira ro anakilahy i Ebiasafa. Ebiasafa ro anakilahy i Kora.³⁸ Kora ro anakilahy i Jizara. Jizara ro anakilahy i Kahata. Kahata ro anakilahy i Levy. Levy ro anakilahin'Israely.³⁹ Asafa ro mpiara-miasa tamy i Hemana, ze nitsanga tamy ty tanany an-kavana teo. Asafa ro anakilahy i Berehia. Berehia ro anakilahy i Simea.⁴⁰ Simea ro anakilahy i Mikaela. Mikaela ro anakilahy i Biseia. Beseia ro anakilahy i Malkia.⁴¹ Malkia ro anakilahy i Etny. Etny ro anakilahy i Zera. Zera ro anakilahy i Adaia.⁴² Adaia ro anakilahy i Etana. Etana ro anakilahy i Zima. Zima ro anakilahy i Simey.⁴³ Simey ro anakilahy i Jahata. Jahata ro anakilahy i Gersona. Garsona ro anakilahy i Levy.⁴⁴ Tamy ty tana an-kavana i Hemana eo anakilahy i Merary ze mpiara-miasa taminy rey. Anay zay i Etana anakilahy i Kisy. Kisy ro anakilahy i Abdia. Abdia ro anakilahy i Maloka.⁴⁵ Maloka ro anakilahy i Hasabia. Hasabia ro anakilahy i Amazia. Amazia ro anakilahy i Hilikia.⁴⁶ Hilikia ro anakilahy i Amzy. Amzy ro anakilahy i Bany. Bany ro anakilahy i Samera.⁴⁷ Samera ro anakilahy i Maly. Maly ro anakilahy i Mosy. Mosy ro anakilahy i Merary. Merary ro anakilahy i Levy.⁴⁸ Mpiara-miasa amin-drozy rey, Levita rey, ro voatondro hanao ty asa iaby ho ahy ty tabernakely, azy tsanon-janahary iny.⁴⁹ Arona noho anakilahiny ro nanao ty fanomeza tamy ty alitara ho ahy ty fanomeza oroa eo; noho ty fanomeza tamy ty alitara ty lintan-kazo manitsy eo ho ahy ty asa iaby amy ty toera masy bibiky eo. Fanomeza rey ro nananova fanavota ho an'Israely, manahaky ze iaby nibekoa i Mosesy azy mpiasan-janahary.⁵⁰ Tariha Arona rey ro voahisaky manahaky ty manaraky zao: ty anakilahy i Arona ro Eleazara. Ty anakilahy i Eleazara ro Finehasa. Ty anakilahy i Fanehesa ro i Abisoa.⁵¹ Ty anakilahy i Abisoa ro Koky. Ty anakilahy i Boky ro Ozy. Ty anakilahy i Ozy ro Zerahia.⁵² Ty anakilahy i Zerahia ro Meraiota. Ty anakilahy i Meraiota ro Amaria. Ty anakilahy i Amaria ro Ahitoba.⁵³ Ty anakilahy i Ahitoba ro Zadoka. Ty anakilahy i Zadoka ro Ahimaza.⁵⁴ Ndreto iaby ty toera ze voatondro hipetsaha ty tariha i Arona rey, ze nanovy ho ahy ty tariha i Arona ze baka amy ty foko ty Kehatita (ty filoka velohany ro androzy).⁵⁵ Namean-drozy androzy Hebrona amy ty tany i Joda any noho tany fihinanam-biby rey,⁵⁶ fa baibo ty tanà rey noho vohitsiny rey koa ro namean-drozy an'i Kakeba anakilahy i Jefone.⁵⁷ Ho an'i tariha i Arona ro namean-drozy: Hebrona (tanà ty fialofa), noho Libna miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey,

Jatira, Estemoa mopiaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁵⁸Hilena miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, sady Debira miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁵⁹Namean-drozy ho ahy ty tariha i Arona: Asana miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey noho Beti-semesy miaraky amy tany fihinanam-bibiny; ⁶⁰sady baka amy ty foko ty Benjamina ro nanomeza androzy an'i Geba miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Alemeta miaraky amy tany fihinanam-bibiny, sady Anotata miaraky amy ty tany fihinanam-bibiny. Tanàn-drozy iaby rey romihisaky fool telo amby. ⁶¹Ho ahy tariha i Kehata ambiny rey ro namean-drozy androzy tany ty filoka tanà folo iaby rey amy ty antasaky ty foko ty Manase. ⁶²Ho ahy tariha i Gersona amy fokony isan-karazany rey ro namea ho azy ty tanà folo telo amby baka amy foko ty Isakara rey, Asera, Naftaly, sady ty antasaky ty foko ty Manase ta Besana any. ⁶³Ho ahy tariha i Merary le namean-drozy tanà folo roa amby rey, manahaky fokony rey, baka amy ty foko i Robena, Gada, sady Zebolona. ⁶⁴Sady le namea olon'Israely rey ho ahy Levita rey tanà rey miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁶⁵Nitondron-drozy tany ty filoka renivohitsy voavola taloha teo rey baka amy ty foko i Joda, Sineona, sady Benjamina. ⁶⁶Ho ahy foko ty Kahatita ilany rey ro namean-drozy tanà baka amy ty foko i Efraima. ⁶⁷Namean-drozy: Sekema (tanà ty fialofa) miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey tany ty tany vohitsy i Efraima any, Gazera miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁶⁸Jokmeama miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Beti-horona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁶⁹Aialona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey Gata-rimona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷⁰Namea antasaky ty foko i Manase an'i Lehatita rey: Amera miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey noho Bileama miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. Lasa fanana foko ty Kehatita sisa rey. ⁷¹Ho ahy tariha Gersona rey tsy anay ty antasaky ty foko i Manase ao, namean-drozy: Golana a-Basana any miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey noho Astarta miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷²Namea ty fokon'Isakara an'i tariha i Gersona rey: Kadesy miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Deberata miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁷³Ramota miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, sady Anema miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷⁴Nirambesy Isakara baka amy ty foko i Asera: Masala miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Abdona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁷⁵Hokoka miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, sady Rehoba miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷⁶Nirambesin-drozy baka amy ty foko i Naftaly: Kadesy a-Galilia any miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Hamona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, sady Kiriataima miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷⁷Ho ahy ty sisa amy Levita rey, tariha i Merary rey, le namea ty foko ty Zebolona: Rimono miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey noho Tabara miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. ⁷⁸⁻⁷⁹Le namea ho androzy avao koa, ty tanila i Jordana eo ta Jeriko any, tan-tinana ty Ony eo: Bazera tan'efitsy any miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Jaza miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Kedemota miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Mefata miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey. Rey ro namea baka amy ty foko i Robena. ⁸⁰Nirambesy Levita rey baka amy ty foko i Gada: Ramota a-Gileada any miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, Mahanaima miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, ⁸¹Hesbona miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey, sady Jazera miaraky amy tany fihinanam-bibiny rey.

Chapter 7

¹Anakilahy i Jisakara efatsy rey ro i Tola, Poa, Jasoba sady Simrona. ²Anakilahy i Tola ro Ozy, Refaia, Jeriela, Jamay, Jibsama sady Samoela. Ndrozy ro lohany amy ty longo ty baban-drozy ao, baka amy ty tariha i Tola sady ndrozy ro anay mpialy mahery rey tamy ty andron-drozy. 22,600 ro hisan-drozy tamy ty andro i Davida. ³Ty anakilahy i Ozy ro Jizrahia. Anakilahiny rey ro Mikaela, Obadia, Joela, sady Jisia, ndrozy limy ro mpitariky foko iaby. ⁴Andian-tafiky enina arivo noho telo aly hiatsiky aly ro niaraky tamin-drozy, manahaky ty lisita ty longo ty razamben-drozy, safe ndrozy ro nanam-baly noho anaky lako maré. ⁵Rahalahiny rey, baka amy ty foko i Jisakara, le nana lahilahy mpialy fito arivo noho valo aly, manahaky ty lisita ty longo ty razamben-drozy. ⁶Anakilahy i Benjamina telo lahy rey ro i Bela, Bejera, sady Jediaela. ⁷Anakilahy i Bela limy lahy rey ro i Ezbona, Ozy, Oziela, Jerimota, sady Iry. Ndrozy ro maramila noho fanomboha foko rey. Niisa 22, 034 lahilahy mpialy rey, manahaky ty lisita ty longo ty razamben-drozy. ⁸Anakilahy i Bakera rey ro i Zemira, Joasy, Eliezera, Elioenay, Omry, Jerimota, Abia, Anatota, sady Alameta. Iaby iaby rey ro anakilahiny. ⁹Ty lisita ty fokon-drozy ro mihisaky 20, 200 longo mpitariky noho lahilahy mpialy. ¹⁰Ty anakilahy i Jediaela ro Bilana. Anakilahy i Bilana rey ro i Jeosy, Benjamina, Ehoda, Kenana, Zetana, Tarsisy sady Ahisahara. ¹¹Iaby iaby rey ro anakilahy i Jediaela. Voasoratsy amy ty lisita ty fokon-drozy ao rey ro nisy mpitariky noho lahilahy mpialy 17, 200 lany ho amy ty raharaha maramila. ¹²(Ty anakilahy i Iry ro i Sopima noho Hopima, sady Hosima ro anakilahy i Ahera.) ¹³Ty anakilahy i Naftaly ro Jaziela, Gony, Jezera, sady Saloma. Rey ro zafy kelikely i Bila. ¹⁴Nana anakilahy nikaihy hozao: Asriela i Manase, ze nateraky azy Syriaana valy keliny iny. Ie koa ro niteraky an'i Matira, baba i Gileada. ¹⁵Nangala-baly baka amy i Hopima noho Sopima i Makira. Imaka ty anara ty rahavaviny. Tariha i Manase hafa koa i Zelofada, ze nana-anak'ampela raiky. ¹⁶Imaka valy i Makira, ro niteraky aja lahilahy sady nikaihiny hoe Paresy. Ty anara ty rahalahiny ro Seresy, sady anakilahiny rey ro i Olama noho Rakema. ¹⁷ anakilahy i Olama ro Bedana. Rey ro tariha i Gileada anakilahy i Maki4a anakilahy i Manase. ¹⁸Hamoleketa anabavy i Gileada ro niteraky 'Isehoda, Abiezera, sady Mahala. ¹⁹Anakilahy i Semida rey ro Ahiana, Sekema, Liky sady Aniamana. ²⁰v 20 Tariha i Efraima rey ro manaraky indreto: Ty anakilahy i Efraima ro i Sotela. Ty anakilahy i Sotela ro Bereda. Ty anakilahy i Bereda ro i Tahata. ²¹Ty anakilahy i Tahata ro i Elada. Ty anakilahy i Elada ro Tahata. Ty anakilahy i Tahata ro Zabada. Ty anakilahy i Zabada ro Sotela. (Ezera noho Elada ro nivonoae lahilahy i Gata rey, tompon-tany, lafa nandeha nangalatsy ty biby harény ndrozy. ²²Nisaona ho androzy anay ty andro lako i Efraima baban-drozy, sady avy nampahery androzy rahalahiny. ²³Niroro niaraky tamy ty valiny ie. Nibevoka ie sady niteraky aja lahilahy. Nikaihy i Efraima hoe Beria ie, safe nosy fijakea avy tamy ty longony eo. ²⁴Ty anak'ampela le i Sera, ze namboatsy an'i Beti-horona ambany noho anabo sady Ozena-sera.) ²⁵Ty anakilahy i Refa. Ty anakilahy i Refa ro i Rasefa. Ty anakilahy i Rasefa ro nitely. Ty anakilahy i Tela ro i Tahana. ²⁶Ty anakilahy i Tahana ro i Ladana. Ty anakilahy i Ladana ro i Amihoda. Ty anakilahy i Amihoda ro i Elisama. ²⁷Ty anakilahy i Elisama ro i Nona. Ty anakilahy i Nona ro i Josoa. ²⁸Fanana noho fipetsahan-drozy rey ro Betela noho anaky-vohitsiny miodydy azy rey. Ndrozy ro niitatsy nana antinana i Narana noho tan-drefa i Sekema any noho anaky-vohitsiny zisiky a-Gaza any anaky-vohitsiny rey. ²⁹Tamy ty sisin-tany i Manase eny ro nisy an'i Beti-sana noho anaky-vohitsiny, Tanaka noho ty anaky-vohitsiny, Megido noho ty anaky-vohitsiny. Tamy tanà-bevata rey eny ro nipetsaky tariha i Josefa anakilahy Israely rey. ³⁰Ty anakilahy i Asera ro Jimna, Jisva, jisvy, sady Beria. Sera ro anabavin-drozy. ³¹Ty anakilahy i Beria ro i Hebera noho Malkiela, ze baba i Berzavita. ³²Anakilahy i Hebera rey ro i Jafleta, Somera, sady Hotama. Soha ro anabavin-drozy. ³³Anakilahy i Jafleta rey ro i Pasaka, Bimala, sady Asvata. Rey ro anakilahy i Jafleta. ³⁴Somera, rahalahy i Jafleta, ro nana anakilahy reto: Rohaga, Hoba, sady Arama. ³⁵Helema, rahalahy i Semera, le nana anakilahy reto: Zofa, Jimna, Sekesy, sady Amala. ³⁶Anakilahy i Zofa rey ro i Soha, Hernefera, Soala, Bery, Jimra, ³⁷Bazera, Hoda, Sama, Silsa, Jitrana, sady Bera. ³⁸Anakilahy i Jatera rey ro Jefona, Pispas, sady Ara. ³⁹Anakilahy i Ola rey ro Ara, Haniela, sady Rizia. ⁴⁰Iaby iaby rey ro tariha i Asera. Ndrozy ro razambey ty fokon-drozy, mpitariky ty longon-drozy, lahilahy manan-danja, lahilahy mpialy, sady bey ty tamy mpitariky rey eo. Eny narivo noho roa aly ty hisa lahilahy ze lany hanao maramila rey, manahaky ty hisa anay lisitan-drozy.

Chapter 8

¹Anakilahiny i Benjamina limy rey le Vela anakilahiny velohany, Asbela, Ahara, ²Noha, sady Rafa. ³Anakilahy i Bela rey le Adaram Gera, ⁴Abihoda, Abisoa, Namana, Ahoa, ⁵Gera, Sefofana, sady Horama ⁶Ndreto ty tariha i Ehoda ze loha ty longo ty olo mipetsaky a-Geba ao, ze tsy maintsy nifalo ta Manahata any: ⁷Namana, Ahia, sady Gera, ze nitariky androzy tamy ty fifalozan-drozy. Ie ro baba i Oza noho Ahihoda. ⁸Saharaima ro niteraky tan-tany i Moaba any, tafara ty nisarahany ampanambalia tamy i Hosima noho Bara valiny. ⁹Tamy i Hodesy valiny, ro niteraha i Saharaima an'i Jobaba, Ziba, Mesa, Malkama, ¹⁰Jeoza, Sakia, sady Mirma. rey ty anakilahiny, mpitariky tamy ty longony ao. ¹¹Fa niteraky an'i Abitoba noho Elpala tamy i Hosima avao koa ie. ¹²Ty anakilahy i Elpala ro Ebera, Misama, noho Semera (ze namboatsy an'i Ono noho Loda sady ty anaky-vohitsiny miodidy). ¹³Teo avao koa i Beria noho Sema. Loha ty longo nipetsaky ta Aialona rey eny, ze nandroaky ty olo i Gata ndrozy. ¹⁴Ndreto iaby ty anakilahy i Beria: Ahio, Sasaka, Jeremota, ¹⁵Zebadia, Arada, Adera, ¹⁶Mikaela, Jispa, sady Joha. ¹⁷Ndreto iaby ty anakilahy i Elplala: Zebadia, Mesolama, Hizky, Hebera, ¹⁸Jismeray, Jizlia, sady Jobaba. ¹⁹Ndreto iaby ty anakilahy i Simey: Jakima, Zikry, Zabdy, ²⁰Elienay, Ziletahy, Eliala, ²¹Adaia, Beraia, sady Simrata. ²²Ndreto iaby ty anakilahy i Sasaka: Jispana, Hebera, Eliala, ²³Abdona, Zikry, Hanana, ²⁴Hanania, Elama, Antotia, ²⁵Jifdia, sady Penola. ²⁶Ndreto ty anakilahy i Jerohama: Samseray, Seharra, Atalia, ²⁷Jaresia, Elia, sady Zitry. ²⁸Rey ro loha ty longo noho mpitariky ze nipetsaky ta Jerosalema ao. ²⁹Ty razambey i Gibeona, le i Jehiela, ze kaihy hozao Imaka ty valiny, le nipetsaky ta Gibeona ao. ³⁰Ty anakilahiny velohany le i Abdona, naraha i Zora, Kisy, Bala, Nadaba, ³¹Gedora, Ahio, sady Zakera. ³²Anakilahy i Jehiela hafa i Miklota, ze niteraky an'i Simea. Nipetsaky tanila ty longony eny ta Jerosalema eny avao koa ndrozy. ³³Nera ro baba i Kisy. Kisy ro baba i Saoly. Saoly ro baba i Jonatana, Malkisoa, Abinadaba, sady Esbala. ³⁴Meribala ro anakilahy i Jonatana. Meribala ro baba i Mika. ³⁵Ty anakilahy i Mika ro i Pitona, Maleka, Tarea, sady Ahaza. ³⁶Ahaza ro baba i Joada. Joada ro baba i Alemeta, Azmaveta, sady Zimry. Zimry ro baba i Moza. ³⁷Moza ro baba Binea. Binea ro baba i Rafa. Rafa ro baba i Elasa. Elasa ro baba i Azela. ³⁸Nana anaky eny mirahalahy i Azela: Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, sady Hanana. Anaky i Azela iaby ndrozy. ³⁹Ty anakilahy i Eseka, rahalahiny, ro i Olama anakilahiny velohany, Jeosy anakilahy anivo, sady Elifeleta fahatelo. ⁴⁰Lahilahy mpialy noho mpanoraky kititsy anakilahy i Olama rey. Nana anaky noho zafy lako ndrozy, 150 ty fiharoany. Iaby rey ro anay ty tariha i Benjamina.

Chapter 9

¹Ka le voasoratsy tamy tetiara rey ao ty Israely iaby. Sady voasoratsy tamy ty boky mpanjakan'Israely rey ao ndrozy. Laha ty amy i Joda, le nalefa sesin-tany ta Babylona any ndrozy noho ty fahotany. ²Ty nipetsaky velohany tamy ty tanàn-drozy tao ro ty ilany tamy Israelita rey, mpisoro rey, levita rey, sady mpiasa ty egilizy rey. ³Ty ilany tamy tariha i Joda rey, Benjamina, Efraïma, sady Manase ro nipetsaky ta Jerosalema ao. ⁴Mpipetsaky rey ro nahita an'i Otahy anakilahy i Amihoda anakilahy i Omry anakilahy Imry anakilahy i Bany, daily amy tariha i Fereza anakilahy i Joda rey. ⁵Tamy Silonita rey ro i Asay azy anakilahiny velohany iny noho anakilahiny rey eo. ⁶Tamy tariha i Zera rey ro i Jeoela. Ty tarihan-drozy ro nihsaky 690. ⁷Tamy tariha Benjamina rey eo ro i Salo anakilahy i Mesolama anakilahy i Hodavia anakilahy i Hesenoa. ⁸Teo avao koa Jibnia anakilahy i Jorehama; Elaha anakilahy i Ozy anakilahy i Mikry, sady Mesolama anakilahy i Sefatia anakilahy i Regoela anakilahy i Jibnia. ⁹Longon-drozy ze voasoratsy tamy ty lisita ty tetiara ao rey ro nihsaky 956. Lahilahy iaby rey ro mpitariky tamy ty foko ty razamben-drozy. ¹⁰Mpisoro rey ro Jedaia, Joiariba, sady Jatina. ¹¹Teo avao koa i Azaria anakilahy i Hilikia anakilahy i Mesolama anakilahy i Zedoka anakilahy i Meraiota anakilahy i Ahitoba, azy raiky ze miantoky ty tsanon-Janahary iny. ¹²Teo i Adaia anakilahy i Jerohama anakilahy i Pasora anakilahy i Malkia. Teo avao koa i Masay anakilahy i Adiela anakilahy i Jazera anakilahy i Mesolama anakilahy i Mesilemita anakilahy Imera. ¹³Longon-drozy rey, ze mpitariky tamy ty foko-razamben-drozy ao ro nihsaky 1, 760. Vatany lahilahy nahay tamy ty asa ty tsanon-Janahary ndrozy. ¹⁴Tamy Levita rey eo, ro nisy an'i Semaia anakilahy i Asoba anakilahy i Azrikama anakilahy i Asabia, tamy tariha i Merary rey eo, ¹⁵Le teo avao koa i Bakbakara, Herary, Galala, sady Matania anakilahy i Mika anakilahy i Zikry anakilahy i Asafa. ¹⁶Teo avao koa Obadia anakilahy i Semaia anakilahy i Galala anakilahy i Jedotona; sady Berekia anakilahy i Asa anakilahy i Elkana, ze nipetsaky tamy ty vonihatsy Netotatita rey any. ¹⁷Mpiemby vavahady rey le Saloma, Akoba, Talmona, Ahimana, sady tarihan-drozy rey. Saloma ro mpitariky androzy. ¹⁸Taloha any ro nitsanga niemby ty vavahady ty mpanjaka tamy ty sisiny antinana any ho ahy ty toby tariha i Levy rey ndrozy. ¹⁹Saloma anakilahy i Kore anakilahy i Abiasafa, ze anakilahiny i Kora, noho longony rey baka amy ty longo-babany, Koraita rey, ro niantoky ty amy ty asa fanompoa, niemby ty varavara ty tsano lay ndrozy. manahaky ty fa niembena razamben-drozy rey ty toby Yaveh, sady fa niemby ty filira avao koa ndrozy. ²⁰Finehasa anakilahy i Eleazara ro fa niantoky androzy taloha, sady nitahy azy Yveh. ²¹Zakaria amnakilahy i Meselimia ro mpiemby ty filira amy ty egilizy, azy "tsano lay fotojeha iny." ²²Nihsaky 212 iaby ze voatingy ho mpiemby ty vavahady rey amy ty filira eo. Ty anaran-drozy ro voahajary tamy ty hajary ty anara olo lako rey ao tan-tanàn-drozy ao. Davida noho Samoela mpahita ro fa nampipetsaky androzy tamy ty fatokisa. ²³Ka le ndrozy noho ty anakin-drozy ro niemby vavahady ty tsano Yaveh rey, azy tabernakely iny. ²⁴Mpiemby vavahady rey ro napetsaky tamy sisiny efatsy rey any iaby, mana antinana, andrefa, avaratsy, sady antimo any. ²⁵Rahalahin-drozy rey, ze nipetsaky tamy ty tanàn-drozy any, le nifonolo tao, isan-tao. ²⁶Fa mpitariky rey efatsy rey ty mpiemby ty vavahady, ze Levita, ro nitondroe mba hiemby efitsy rey noho tsano fanajariam-bokatsy tan-tsanon-Janahary rey ao. ²⁷Nandany ty haly tamy ty toera miodidy ty tsanon-Janahary iaby eo ndrozy, safe mpiantoky amy ty fiembena zay. Sady hamoha zay isaky maray ndrozy. ²⁸Ty ilany tamin-drozy ro niantoky ty fitaova ty egilizy; nanisaky enta rey ndrozy lafa nampiliry noho naboaky rey. ²⁹Lako tamin-drozy avao koa ro voatondro hikorakara raha masy rey, ty fitaova, noho vatsy rey, anay zay ty koba soa lisa, ty divay, ty solo-bonio, noho lintan-kazo soaso, sady raha-manitsy rey. ³⁰Ty ilany tamy anakilahy ty mpisoro rey ro nampofangaro raha-manitsy rey. ³¹Matatia, raiky tamy Levita rey, ze anakilahiny i Saloma Koraita velohany, ro niantoky ty fikarakara ty mofo ho amy fanomezana rey. ³²Ty ilany tamy ty rahalahin-drozy, tariha ty Kehatita, ro niantoky ty mofo ty famonjea, mba hikorakara zay isaky ty Sabata. ³³Mpihira rey ro mpitariky ty longo ty Levita rey ro nipetsaky tamy ty efitsano masy ao afa tsy miasa ndrozy, safe tsy maintsy nanantanteraky raharaha namea isan'andro san'andro rey. ³⁴Ndreto iaby mpitariky ty longo tamy Levita eo rey, ze voahisaky tamy ty hajarina-tetiaran-drozy ao. Nipetsaky ta Jerosalema any ndrozy. ³⁵Ty razambey ty Gibeona, Jeiel, ze anovy hoe Imaka ty anara valiny, le nipetsaky ta Gibeona any. ³⁶Abdona ro anakilahiny velohany, bakeo anakilahiny rey Zora, Kisy, Bala, Nera, Nadaba, ³⁷Gedora, Ahio, Zakaria, sady Miklota. ³⁸Miklota ro baba i Simeama. Nipetsaky tanila rahalahiny rey any ta Jerosalema any avao koa ndrozy. ³⁹Nera ro baba i Kisy. Kisy ro baba i Saoly. Saoly ro baba i Jonahata, Malkisoa, Abinadaba, sady Esbala. ⁴⁰Meribala ro anakilahy i Jonatana. Sady Meribala ro baba i Mika. ⁴¹Anakilahy i Mika rey ro Pitona, Maleka, Farea, sady Ahaza. ⁴²Ahaza ro baba i Jara. Jara ro baba i Alemeta, Azmaveta, sady Zimry. Zimry ro baba i Moza. ⁴³Moza ro baba i Binea. Binea ro baba i Refaia. Refaia ro baba i Elasa. Elasa ro baba i Azela. ⁴⁴Anakilahy Azela eny rey ro Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, sady Hanana. Rey ro anakilahy i Azela.

Chapter 10

¹Sady Filistina rey nialy tamy Israely rey. Nilay tanila i Filistina teo ty lahilahy Israely iaby sady niampatsy maty tam-bohitsy Gilboa eny. ²Nania mariny an'i Saoly noho ty anakilahiny Filistina rey. Nivono Filistina rey i Jonatana, Abinadaba, noho Malkisoa, anakilahiny. ³Navesatsy tamy i Saoly ty aly, sady nahatsatsy androzy mpandefa kititsy. Tanay faharary maré ao ie noho mpandefa kititsy rey. ⁴Le hoasa Saoly tamy ty mpanday ty fialiany hozao: "Aboaho ty meso bevatanao ka le tsobaho amy zay zaho. Laha tsy zay ro hoavy hanararaotsy ahy tsy voatampaky rey." Nefa tsy nenky ty mpanday ty fialia, safe natahotsy maré ie. Ka le nala i Saoly ty meso beny sady lova tamy zay eo ie. ⁵Lafa hita ty mpanday ty fialiany fa maty Saoly, le lova tamy ty meso beny manahaky zay koa ie ka le maty. ⁶Le maty Saoly, noho anakilahiny telo rey, ka le niaraky maty longony iaby rey. ⁷Lafa hita ty lahilahy Israely iaby tan-doham-baibo eny fa nilay ndrozy, sady maty Saoly noho anakilahiny rey, le niala ty tanàny ndrozy sady nilay. Le avy Filistina rey sady nipetsaky tamin-drozy eo. ⁸Sady hamaray, lafa avy nangalaky ty maty Filistina rey, le nahita an'i Saoly noho anakilahiny rey lavo tam-bohitsy Gilboa eo. ⁹Nisakanan-drozy sady nandesiny ty lohany noho ty fialiany. Naniraky mpanday hafatsy nameno an'i Filistina mba handay vaovao rey tamy sampy noho tamy ty olo lako ndrozy rey eo. ¹⁰Napetsakin-drozy tan-degilizy ty njanaharin-dro ao ty fialiany, sady nifehezin-drozy tan-degilizy i Dagona ao ty lohany. ¹¹Lafa nahare ty iaby ze nanovy Filistina rey tamy i Saoly ty olo lako i Jabesa-gileada iaby, ¹²le nandeha ty lahilahy mpialy iaby sady nangalaky ty faty i Saoly noho ty an' i anakilahiny rey, sady nanday tamy i Jabesy rey any. Nalevin-drozy tambany hazo terebinta ty taolan-drozy ao ka le nifaly hany fito-herin'andro ndrozy. ¹³Sady maty Saoly safe tsy nahatoky an'Yaveh ie. Tsy nankato lily i Yaveh rey ie, fa nangalaky torohevitsy tamy ty olo ze niresaky tamy ty maty. ¹⁴Tsy nila torolala tamy Yaveh ie, ka le nivonoa Yaveh sady nafalony tamy i Davida anakilahy i Jese ty fanjaka.

Chapter 11

¹Le niavy tamy i Davida ta Hebrona ao any ty Israely iaby sady nivola hozo: "Ingo, nofotsinao noho taolanao zahay. ²Mba raha tsy ela avao, laha nanjaka taminay ao Saoly, le iha ro nitariky ty tafiky Israelita. Yaveh Njanaharinao nivola taminay hozo: 'Ho mpiemby an'Israely olo lakoko iha, sady iha ro hoavy mpanapaky amy Israely eo olo lakoko.'" ³Laha zay le avy baka amy ty mpanjakan'Israely any ta Hebrona any olo-bein'Israely iaby ao, sady Davida nanao fanekea tamin-drozy taloha i Yaveh eo. Nanosotsy an'i Davida ho mpanjakan'Israely ndrozy. Tamy fomba zay, le tanteraky ty safa Yaveh ze nambara i Samoela. ⁴Nandeha ta Jerosalema any i Davida noho ty Israely iaby (zay ro, Jebosa). Sady Jebosita rey, mpipetsaky tamy ty tany ao, ro eo. ⁵Hoy mpipetsaky ta Jebosa ao tamy i Davida hozo: "Tsy ho avy eto iha." Fa Davida nangalaky ty fiarova mahery i Ziona, ze, ty tanà i Davida. ⁶Hoasa Davida hozo: "Ndra ia ndra ia manafiky Jebosita velohany rey le ho avy mpifehy." Ka le Joaba anakilahy i Zeroia ro nanafiky velohany, sady le nanovy ho mpifehy ie. ⁷Sady nanomboky nipetsaky tamy azy fiarova mahery iny ao i Davida. Ka le nikaihin-drozy hoe tanà i Davida zay. ⁸Nampahery ty tanà miodidy ie nanomboky ta Milo any zisiky amy ty rindry miodidy any. Nampaherezy i Joaba ty sisa ambiny tamy ty tanà. ⁹Nanjary bevata tena bevata i Davida safe nitahy azy Yveh Tompo ty lako. ¹⁰Ndreto iaby pitariky nanana i Davida rey, ze nampitoro ty vatan-drozy natanjaky niaraky taminy tamy ty fanjakany eo, niaraky tamy Israely iaby rey, mba hano azy ho mpanjaka, mankato ty safa Yaveh mikasiky an'Israely. ¹¹Toy to lisita maramila sangé i Davida: Jasobeama, azy anakilahy i Hakmony, ro mpifehy ty telo-polo. Namono telon-jato lahy tamy ty lefony tanay aly ndraiky ie. ¹²Ty nanoriky azy le i Eleazara anakilahy i Dodo, azy Ahohita, ze raiky tamy telo lahy mahery iny. ¹³Niaraky tamy i Davida ie ta Efesa-damina, sady ta Filistina any ro niharoa ho amy ty aly, ze nisy ty baibom-bary hordea noho tafiky nilay baka Filistina any. ¹⁴Nitsanga tanivo ty baibo ndrozy eo. Niaro zay ndrozy sady nandrava androzy tamy ty fandreseha bevata. ¹⁵Bakeo telo tamy telo-polo mpitariky rey ro nijotso ho amy ty lafiam-bato any tamy i Davida any, tamy ty zehy i Adolama ao. Ty tafiky Filistina rey ro nipetsaky tamy ty Loham-baibo i Refaita ao. ¹⁶Tamy lera zay Davida le tamy ty fiarova mahery ao, zehy raiky, laha nipetsaky ta Betlehema ao Filistina rey. ¹⁷Nitiry rano Davida ka le nanao hoe: "Laha mba misy olo manome rano ahy hinomiko baka amy ty lava-drano ao a-Betlehema ao, azy lava-drano ze mariny ty vavahady iny!" ¹⁸Ka le namakivaky tamy ty tafiky Filistina rey eo lahilahy mahery telobreh sady nanoby rano baka amy ty lava-drano i Betlehema ao, azy lava-drano tamy ty vavahady eo iny. Sady nangalaky ty rano ndrozy ka le nanday zay ho amy i Davida any, fe nandà ty hino zay ie. Fa koa, nararakiny ho an'Yaveh zay. ¹⁹Sady hoy ie hozo: "Sanatsia amiko ty hino zay, Yaveh e. Tokony o ty lio lahilahy ze nanao vy tsobo ty ain-drozy rey va zaho?" Safe nanao vy tsobo ty ain-drozy, nandà ty hino zay ie. Zay ro raha nanovy lahilahy mahery rey telo. ²⁰Abisay rahalahy i Joaba, ro kapiteny tamin-drozy telo teo. Sady nampiasa ty lefony ndraiky mandeha ie tamy ty olo telon-jato sady namono androzy. Nalaza niaraky tamy Telo rey ie. ²¹Tamy Telo rey, le ie ro nameam-boninahitsy mandilatsy zay sady nanjary kapitenin-drozy. Ndra tsy anisan-drozy aza ie. ²²Bania anakilahy i Joiada ro lahilahy natanjaky ze nanao asa bevata. Ie ro namono anakilahy i Ariela roe baka Moaba any rey. ²³Nijotso tamy ty lavaky avao koa ie sady namono liona laha nilatsaky ty ora. Namono Egyptiana raiky aza ie, lahilahy limybhakiho ty halavany. Azy Egyptiana nana lefo manahaky ty andry ty mpaneno iny, nefa tehy avao ro nandesiny nijotso taminy eo. Nanambotsy ty lefo tan-tana azy Egyptiana iny eny ie sady namono azy tamy ty lefony avao. ²⁴Benaia anakilahy i Joiada ro nanao asa bevata rey, sady nalaza manahaky telo lahy mahery rey ie. ²⁵Tamy ty halakoany le ie ro bey voninahitsy mandilatsy noho maramila telo-polo rey. Nefa tsy manam-boninahitsy firy ie mandilatsy maramila teloblahy tena sangany rey. Nefa napetsaky i Davida hiantoky ty fiembena azy manoka ie. ²⁶Lahilahy mahery rey ro Asahela rahalahy i Joaba, Elanana anaky i Dodo baka Betlehema any, ²⁷Samota azy Harorita iny, Haleza azy Pelonita iny, ²⁸Ira anakilahy Ikesy azy Tekoita iny, Abiezera azy Anatotita iny, ²⁹Sibekay azy Hosatita iny Ely azy Ahohita iny, ³⁰Maharay azy Netofatita iny, Heleda anakilahy i Bana azy Netofatita, ³¹Itahy anakilahy i Ribay baka a-Gibea ty tariha i Benjamina ao, Benaia azy Piratnita, ³²Horay any ty loham-baibon-driaky Gasy ao, Abiela azy Arbatita, ³³Azmaveta azy Baharomita iny, Eliaba azy Salbonita iny, ³⁴anakilahy i Hasema azy Gizonita iny, Jonatana anakilahy i Sage azy Hararita iny, ³⁵Ahiama anakilahy i Sakara azy Hararita iny, Elifala anakilahy i Ora, ³⁶Hefera azy Mekeratita iny, Ahia azy Pelonita iny, ³⁷Hezro azy Karmelita iny, Naray anakilahy i Ezbay iny, ³⁸Joela rahalahy i Natana, Mibara anakilahy i Hagry, ³⁹Zaleta azy Amonita iny, Naharay azy Berotita iny (azy mantsy ty fiarova i Joaba anakilahy i Zeroia), ⁴⁰Ira azy Jitritra iny, Gareba azy Jitritra iny, ⁴¹Oria azy Hetita iny, Zabada anakilahy i Ahelay, ⁴²Adina anakilahy i Siza azy Robenita iny (bey ty Robenita) sady telo-polo lahy niaraky taminy, ⁴³Hana anakilahy i Maka, noho Josafata azy Mitnita iny, ⁴⁴Ozia azy Astartita iny, Sama noho Jeielà anakilahy i Hotama azy Arierita iny, ⁴⁵Jediaela anakilahy i Simry, Joha (azy Tzeta rahalahy iny), ⁴⁶Eliala azy Mahavita iny, Jeribay noho Josavia anakilahy i Elnama, Jitma azy Moabita iny, ⁴⁷Eliala, Obeda, sady Jasiela azy Mezobaita iny.

Chapter 12

¹Ndreto iaby lahilahy ze avy tamy i Davida any ta Ziklaga ao, laha mbo voaroaky tamy ty famonjea i Saoly anakilahy i Kusy ie. Isaky maramila rey ndrozy, mpanampy azy an'aly. ²Nikobo kititsy ndrozy sady afaky nampiasa tamy ty antsamon-taly noho tamy ty fitirina amy ty kititsy. Benjamita ndrozy, mpiaraky foko tamy i Saoly. ³Ahiezerà ro bey, bakeo Joasy, samby anakilahy i Sema azy Gibeatita iny ndrozy. Nahita an'i Jeziela noho Peleta, anakilahy i Azmaveta. Nahità avao koa an'i Beraka, Jeho azy Anatotita iny, ⁴Jismaia azy Gibeonita iny, anay maramila telo-polo (sady mpifehy telo-polo rey); Jeremia, Jahaziela, Johanana, Jozababa azy Gaderatita iny. ⁵Elozay, Herimota, Bealia, Semaria, Sefatia azy Harofita iny, ⁶Koraita Elkana rey, Jisia, Azarela, Joezera, Jasobeama, sady ⁷Joela noho Zebadia, anakilahy i Jehorama baka Gefora any. ⁸Nisy Gadita ilany nanovy an'i Davida tamy ty fiarova mahery tan'efitsy ao any. Lahilahy mpialy ndrozy, lahilahy voahofa ho amy ty aly, ze afaky mikombo fiaro noho lefo; ty tarehin-drozy ro masiaky manahaky ty tarehy ty liona. Malaky fandehana manahaky ty gazela am-bohitsy eny ndrozy. ⁹Nisy an'i Ezera azy mpitariky, Obadia iny ro faha roe, Eliaba ro faha telo, ¹⁰Mismana ro faha efatsy, Jeremia ro faha limy, ¹¹Atahy ro faha eny, Eliala ro faha fito, ¹²Johanana ro faha valo, Elizabada ro faha sivy, ¹³Jeremia ro faha folo, Makbanay ro faha folo raiky amby. ¹⁴Anakilahy i Gada rey ro mpitariky tafiky. Ty ambany bibiky nitariky an-jatony, sady ty anabo bibiky nitariky an'arivony. ¹⁵Nanapaky a-Jordana any ndrozy tamy ty vola velohany, lafa nidofotsy ty sisiny zay, ka le nandroaky ty raha-manan'ay iaby tamy loham-baibo rey, na ty mana antinana any na ty mana andrefa any. ¹⁶Ty ilany tamy lahilahy rey i Benjamina noho Joda ro avy tamy ty fiarova tamy i Davida ao. ¹⁷Niboaky mba hitsena androzy Davida sady nivola tamin-drozy hozao: "Laha avy am-pilamina amiko atoy mba hanampy ahy nareo, le afaky mamonjy ahy. Fa laha avy mba hamaliky ahy amy ty fahavaloko, le engao lahy ty Njanahary ty razambeintsika hanenty ka le hamaly anareo, safe tsy nanao raty zaho." ¹⁸Bakeo azy Fanahy avy tamy i Amasay iny ao, ze mpitariky ty telo-polo. Hoasa Amasay hozao: "Zahay ro ahy nao, Davida. Zahay ro miadany aminao, anakilahy i Jese. Fiadana, fiadana lahy ho amy ze manampy anao. Fiadana lahy ho amy mpanampinao rey, safe ty Njanaharinao ro manampy anao." Le nandramby androzy Davida sady nanao androzy ho mpifehy ty lahilahiny. ¹⁹Ty ilany baka amy i Manase avao koa ro niala mba hamonjy an'i Davida laha niaraky tamy Filistina rey mba hialy amy i Saoly ie. Nefa tsy nanampy Filistina rey ndrozy, safe nifampidiniky tompo i Filistina rey ka le nampandeha an'i Davida. Hoasan-drozy hozao: "Hiala ho amy i Saoly Tompony any ie ka le hampilitsy Liza ty fiainantsika." ²⁰Lafa nana Ziklaga any ie, ty lahilahy i Manase ze namonjy azy ro i Adna, Jozabada, Jediaela, Mikaela, Jozabada, Eliho, Ziletahy, kapiteny ty arivo i Manase. ²¹nampy an'i Davida nialy tamy an-tokony rey mpitangiriky ndrozy rey, safe lahilahy mpialy ndrozy. Tafara tato le nanjary mpifehy tamy ty tafiky ndrozy eo. ²²Isan'andro, le avy tamy i Davida any lahilahy rey mba hanampy azy, zisiky hisia ty tafiky bevata, manahaky ty tafikin-Janahary. ²³Ty ro velohan-tantara maramila nitandraky kobay fialia rey ho amy ty aly, ze avy tamy i Davida ta Hebrona ao, mba hanodidy ty fanjaka i Saoly ho azy, ze nanantanteraky ty safa i Yaveh. ²⁴Tamy i Joda ro 6. 800 mpitandraky fiaro noho lefo ro voaoma hialy. ²⁵Nisy lahilahy mpialy 7. 100 baka amy Simeonita rey. ²⁶Nisy lahilahy mpialy 4. 600 baka amy Levita rey. ²⁷Joiada ro mpitariky ty tariha i Arona, sady 3. 700 ro niaraky taminy. ²⁸Mpitariky ropolo roa amby baka amy ty longo babany ro niaraky tamy i Zadoka, pamaraky, mahery, noho lahilahy bey herim-po. ²⁹Baka amy i Benjamina, foko i Saoly, ro nisy telo arivo. Ty halakoan-drozy ro mbo nijano ho mpomba an'i Saoly zisiky amy fotoa zao. ³⁰Nisy lahilahy mpialy 20.800 baka amy Efraimita rey, lahilahy nalaza tamy ty longo ty razambein-drozy rey eo. ³¹Baka amy ty antsasa-poko i Manase ro nisy lahilahy malaza valo arivo noho raialy ze avy mba hanao an'i Davida ho mpanjaka. ³²Baka amy Isakara, le nisy lahilahy mpitariky roanjato ze nana fahazavan-tsany tamy fotoa zay sady nahay ze tsy maintsy anovin'Isrely. Longony iaby rey ro tambany fifehezan-drozy. ³³Nisy lahilahy mpialy dimy aly baka amy i Zebolona, nihomany ho amy ty aly, niaraky tamy ty fitaovam-pialia iaby, sady vonona ty hanome tsy fivaliha azo antoky. ³⁴Nisy manam-boninahitsy arivo raiky baka amy i Naftaly, sady lahilahy mpitandraky fiaro noho lefo fito arivo noho telo aly niaraky tamin-drozy. ³⁵Baka amy Danita rey le nisy lahilahy 28. 600 voahoma go amy ty aly. ³⁶Nisy lahilahy efatsy aly voahoma ho amy ty aly baka amy i Asera. ³⁷Baka amy ty an-dafy i Jordana, baka amy Robenita rey, Gadita, sady ty antsa-poko i Manase, le nisy lahilahy 120. 000 ze nikobo karazan-kobay-fialia iaby ho amy ty aly. ³⁸Maramila iaby rey, vonona ho amy ty aly rey, le niavy ta Hebrona any miaraky tamy ty faniria raiky any ty amy ty hananova an'i Davida ho mpanjaka mameno an'Israely iaby. Ty sisa iaby tamy Israely ro nifananky ty hanao an'i Davida ho mpanjaka avao koa. ³⁹Niaraky tamy i Davida tanay telo andro ao ndrozy, nihina noho nino, safe ty longon-drozy ro fa nampanday vatsy ho azy. ⁴⁰Fanampy zay, ze tanilan-drozy rey teo, zisiky amy Isakara any noho Zebolona sady Naftaly, le nanday mofo tamy ty boriky, rameva, ampondra, noho aomby, sady mofo aviavy, voloboky maiky, divay, menaky, aomby, sady aondry, safe nifaly ty Israely.

Chapter 13

¹Davida ro niresaky tamy mpifehy ty arivo raiky noho zato, niaraky tamy ty mpitariky iaby. ²Hoasa Davida tamy ty goropy tafiky Israely iaby hozao: "Laha soa aminareo, sady laha baka amy i Yaveh Njanaharintsika zay, le engao tsika handefa mpanday hafatsy iaby eny amy rahalahintsika ze mipetsaky any amy faritsy Israely iaby any, sady amy mpisoro rey any noho Levita ze amy tanàn-drozy rey ao any. Engaho ndrozy ho volany mba hiaraky amintsika. ³Ndao tsika hampimpoly amintsika ty fiondrana ty Njanaharintsika, safe tsy nila ty sitsapony tsika tamy andro ty fanjaka i Saoly." ⁴Ty goropy tafiky iaby ro nanenky hanao raha rey, safe hoy raha marina tamaso ty olo iaby eo rey. ⁵Ka le navory i Davida hiaraky ty Israely iaby, zisiky amy i Ony i Sihora a-Egypta any ka le zisiky Lebo Hamata any, mba handay ty fiondran-Janahary baka Kiriata Jearima any. ⁶Niakatsy nana Bala i Davida any noho ty Israely iaby, zay hoe, Kiriata Jearima, ze ahy i Joda, mba handay ty fiondranan-Janahary baka any, ze nikaiha tamy ty anara Yaveh, le Yaveh, ze mipetsaky amy ty seza fipetraha eo amy ty Kerobima eo. ⁷Laha zay le napetsakin-drozy tanabo sarety vaovao eo azy fiondranan-Janahary iny. Naboakin-drozy baka amy ty tsano i Abinada ao zay. Oza noho Ahio ro nanday sarety iny. ⁸Davida noho ty Israely iaby nankalaza tanilan-Janahary eo tamy ty herin-drozy iaby. Nihira niaraky tamy ty lokanga, ampongatapaky, kimpantso, sady trompetra ndrozy. ⁹Lafa avy tamy ty tany fandamina i Kidona eo ndrozy, le nanampatsy ty tanany hitanjaky an'i azy fiondra i Oza iny, safe nilavo ty aomby. ¹⁰Le nasiaky tamy i Oza ty heloky Yaveh, sady nivonao Yaveh ie safe nanampatsy ty tanany tamy fiondrana i Oza iny. Maty tanilan-Janahary eo ie. ¹¹Meloky Davida safe namango an'i Oza i Yaveh. Nikaihy hoe Pereza Oza toera zay zisiky androany. ¹²Natahotsy an-Janahary i Davida tamy andro zay. Hoy ie hozao: "Manao akory ro fomba handaisako ty fiondranan-Janahary amiko ato?" ¹³Ka tsy nanetsiky ty fiondrana ho amy ty tanà i Davida any i Davida, fa nametsaky zay tanila ty tsano i Obeda Edoma eo azy Getita iny. ¹⁴Le nijano tamy ty tokatsano i Obeda Edoma ao anay ty telo vola azy fiondranan-Janahary iny. Laha zay le nitahy ty longony noho ze iaby nananany i Yaveh.

Chapter 14

¹Sady Hirama mpanjaka i Tyro nandefa mpanday hafatsy tamy i Davida any, noho hazo sedera, mpadrafitsy, sady mpamboatsy tsano. Namboatsy tsano ho azy ndrozy. ²Davida ro nahay fa Yaveh ro fa nampipetsaky azy ho mpanjaka tamy Israely eo, sady ty fanjakany ro nasondrotsy anabo noho ty amy olony Israely. ³Ta Jerosalema ao, le nangala-baly lako Davida, sady niteraky anakilahy noho anak'ampela lako ie. ⁴Ndreto iaby ty anara anaky naterakiny ta Jerosalema any: Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, ⁵Jibara, Elisoa, Elioeleta, ⁶Noga, Nafega, Jafia, ⁷Elisama, Beliada sady Elifeleta. ⁸Sady lafa re Filistina rey fa nihosora ho moanjakan'Israely iaby Davida, le nihoaky nila azy ndrozy iaby. Nefa re i Davida zay ka le nihoaky hanohitsy androzy ie. ⁹Sady avy Filistina rey ka le nanao fanagiha tamy ty Loham-baibo ty Refaïta eny. ¹⁰Bakeo Davida nangataky fanampea tamin-Janahary. Hoy ie hozo: "Tokony hiakatsy hanafiky Filistina rey va zaho? Hanome fandrese amin-drozy eo va iha?" Le hoasa Yaveh taminy hozo: "Ampisikino, fa tena hanome androzy ho ahy nao Zaho." ¹¹Le niakatsy nana Bala-perazima ao ndrozy, sady tao ro nandreseany androzy. Nampitro hevitsy ie hozo: "Ty tanako ro namakia Yaveh ty fahavaloko hiparitaky manahaky ty tondra-drano." Ka le lasa Bala-perazima ro anara toera zay. ¹²Nenga Filistina rey teo njanahariny rey, sady nanome lily Davida fa tokony oroa rey. ¹³Sady nanafaky ty loham-baibo ndraiky ty Filistina. ¹⁴Le nangataky fanampea tamin-Janahary any ndraiky Davida. Hoasa Njanahary taminy hozo: "Tsy tokony hanafiky androzy aloha eo iha, fa koa hiodiky afaran-drozy ao sady ho avy amin-drozy eo iaby amy hazo balsam rey eo. ¹⁵Lafa renao ty feo ty lia-bey amy ty fitsioky ty tsioky baka amy vohitsy ty hazo balsama eo, le manafiha amy ty hery. Mananova zay safe Njanahary fa hoaloha lala anao hanafiky ty tafiky Filistina rey." ¹⁶Ka le nanovy i Davida ze nibekoan-Janahary azy. Nandesy ty tafiky Filistina rey ta Gibeona any zisiky a-Gazera any ie. ¹⁷Sady ty laza i Davida ro niparitaky tamy ty tany iaby eo, sady nahavy ty firenea iaby hatahotsy azy Yaveh.

Chapter 15

¹Sady Davida nanamboatsy tsano hoa azy tan-tanà i Davida ao. Nanoma toera ho ahy ty fiondranan-Janahary sady nananga lay ho an'i zay ie. ²Le hoasa Davida hozao: "Levita rey avao ro afaky manday ty fiondranan-Janahary, fa ndrozy ro voatingy Yaveh mba handay ty fiondrana Yaveh, noho hanompo Azy mandrakizay," ³Le nivonao i Davida ta Jerosalema ao ty Israely iaby, mba hampiakatsy ty fiondrana Yaveh amy ty toera fa nihomaniny ho an'i zay any, ⁴Navory i Davida niaraky tariha i Arona rey noho Levita rey. ⁵Tamy tariha i Kehata rey, le nisy an'i Oriela mpitariky noho longony rey, lahilahy 120. ⁶Tamy tariha i Merary rey, le nisy an'i Asaia mpitariky noho longony rey, lahilahy 220. ⁷Tamy tariha i Gersona rey, le nisy an'i Joela mpitariky noho longony rey, lahilahy 130. ⁸Tamy tariha i Elizafana rey, le nisy an'i Semaia mpitariky noho longony rey, lahilahy 200. ⁹Tamy tariha i Hebrona rey, le nisy an'i Eliala mpitariky noho longony rey, lahilahy valo-polo. ¹⁰Tamy tariha i Oziela rey, le nisy an'i Aminadaba mpitariky noho longony rey, lahilahy 112. ¹¹Nikaiky an'i Zadoka noho Abiatara mpisoro, sady Levita Oriela rey, Asaia, Joela, Semaia, Eliala, sady Aminadaba i Davida. ¹²Hoy ie tamin-drozy hozao: "Nareo ro loha longo ty Levita rey. Hamasino ty vatanareo, le nareo noho rahalahinareo rey, mba hafahanareo mampiakatsy ty fiondrana Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ho amy ty toera ze fa nihomaniko ho ahy zay any. ¹³Tsy nanday zay nareo tamy ty velohany. Zay ro antony nanasazia i Yaveh Njanahary antsika, safe tsy nila Azy na nanenky ty lalàny tsika." ¹⁴Laha zay le nanamasy-vata mpisoro rey noho Levita rey mba hafahan-drozy mampiakatsy ty fiondrana Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny. ¹⁵Le nilanja Levita rey tantsorokin-drozy eo tamy ty bao azy fiondranan-Janahary iny, manahaky ze fa nibekoa i Mosesy—manaraky fitsipiky namea vpbao amy ty safa i Yaveh rey. ¹⁶Niresaky tamy mpitariky ty Levita rey i Davida mba hanondro ty rahalahin-drozy ho mpihira amy raha-maneno rey, valiha, lokanga noho kipantso, hanondrotsy maré noho am-pifalea ty feo -drozy. ¹⁷Le nitodroe Levita rey i Hamana anakilahy i Joela noho ty raiky tamy rahalahiny rey, le Asafa anakilahy i Berekia. Nanondro longo baka amy tariha i Merary noho Etana rey anakilahy i Merary noho Etana anakilahy i Kosaia avao koa ndrozy. ¹⁸Niaraky tamin-drozy koa ty longo mariny marakaraky androzy: Zakaria, Jaziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Benaia, Mahaseia, Matitia, Elifeleho, Mikneia, Obed-edoma, sady Jeiela, mpiemby vavahady rey. ¹⁹Hemana, Asafa, sady Etana mpihira ro nitondroa mba hititiky maré kipantso saba. ²⁰Zakaria, Aziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Mahaseia, sady Benaia ro nititiky valiha rey, tamy ty Alamota. ²¹Matitia, Elifeleho, Mikneia, Obed-edoma, Jeiela, sady Azazia ro nitari-dala tamy ty harpa tamy ty Seminita. ²²Kenania, mpitariky Levita rey, ie ro tonia ty fihirà safe mpampianatsy hira ie. ²³Berekia noho Elkana ro mpiemby ty fiondrana. ²⁴Sebania, Josafata, Netanela, Amasay, Zakaria, Benaia, sady Eliezera, mpisoro rey, ro nitsioky trompetra rey. taloha ty fiondranan-Janahary eo. Obed-edoma noho Jehia ro mpiemby ty fiondrana. ²⁵Sady Davida, olo-bein'Israely rey, noho mpifehy ty an'arivony rey ro nandeha nampiakatsy fiondrana ty fanekea i Yaveh baka tan-tsano i Obed-edoma iny ao tam-pifalea. ²⁶Sady Njanahary laha nanampy Levita ze nilanja ty fiondrana ty fanekea i Yaveh rey, le nanao soro aomby fito noho aondrilahy fito ndrozy. ²⁷Nanao akanjo vita tamy ty rongony foty maliniky i Davida, manahaky Levita ze nilanja ty fiondrana rey, mpihira rey, sady Kenaia, azy mpitariky ty hira mbamy mpihira rey. Nisiky efoda rongony foty i Davida. ²⁸Ka le nampiakatsy ty fiondrana ty fanekea Yaveh tamy ty koraky am-pifalea, noho tamy ty feon-tsifa, tamy ty kipantso, sady tamy ty valiha noho harpa ty Israely iaby. ²⁹Nefa laha avy tan-tanà i Davida ao ty fiondrana ty fanekea Yaveh, le nahita tan-dafonety eo i Mikala anak'ampela i Saoly. Nahita an'i Davida mpanjaka nisindraky noho nankalaza ie. Bakeo nanao tsinotsino azy tam-pony ao ie.

Chapter 16

¹Le nandesin-drozy nilitsy fiondranan-Janahary iny sady napetsakin-drozy tanivo ty lay ze nanovy i Davida ho ahy zay eo. Bakeo nanome fanomeza oroa noho fanomeza-pihombonana tanilan-Janahary eo ndrozy. ²Lafa vita i Davida ty soro ty fanomeza oroa noho ty fanomezam-pihombona, le nitahy ty olo lako tamy ty anara Yaveh ie. ³Nizarazara mofo, sombin-keny, sady mofo mamy misy voloboky tamy Israelita iaby rey, ndra lahy ndra ampela ie. ⁴Nanondro Levita sasantsasany mba hanompo aloha azy fiondrana Yaveh eo i Davida, sady mba hankalaza, hisaotsy noho hanompo an'Yaveh, Njanaharin'Israely iny. ⁵Levita rey ro Asafa azy mpitariky iny, sady faharoe manaraky azy i Zakaria, Jeiela, Semitamota, Jehiela, Matita, Eliaba, Benaia, Obed-Edoma, sady Jeiela. Rey ro nititiky lokanga noho harpa. Asafa ro nampaneno ty kipantso, ze maneno maré. ⁶Benaia noho Jahaziela mpisoro ro mpilay tsy tapaky ty trompetra, taloha ty fiondrana ty fanenkean-Janahary. ⁷Sady tamy androzy zay Davida ro nanondro velohany an'i Asafa noho rahalahiny rey mba hihira hira ty fisaora an'i Yaveh io. ⁸Ameo fisaora i Yaveh, Kaiho ty anarany ; ampahaizo amy firenea rey ty asany. ⁹Mihirà Azy, mihirà fanompoa Azy; ambarao asany mahatseriky iaby rey. ¹⁰Mirengerengea amy ty anarany masy; enganie hofaly ty fo ze mila an'Yaveh rey. ¹¹Ilaao Yaveh noho ty heriny; ilao mandrakariva ty famonjeany. ¹²Tiarovo raha-mahatseriky nanoviny rey, hatsereha noho lalà baka amy ty vavany reg, ¹³tariha Israely mpiasany rey, nareo olo lako i Jakoba, ze nitingininy. ¹⁴Ie ro Yaveh Njanaharin-tsika. Amy ty tany iaby lalány rey. ¹⁵Anovo an-tsainao ao mandrakariva ty fanekeany, le ty safa ze nibekoany an'i tariha arivo raiky hifanolo rey. ¹⁶Mahatiaro ty fanenkea ze nanoviny tamy i Abrahama, noho ty voaliny tamy Isaka Ie. ¹⁷Zay ro nampahereziny tamy i Jakoba manahaky ty fitsipiky, sady tamy Israely manahaky ty fanenkea mandrakizay. ¹⁸Hoy Ie hozao: "Hanome anareo ty tany i Kanana ho anjara lovanareo Zaho." ¹⁹Nivola zay Zaho laha mbo tsiampy hisaky nareo, tena tsiampy vatany, sady vahiny tamy ty tany ao. ²⁰Nandeha tamy ty firenea ho amy ty firenea ndrozy, baka amy ty fanjaka raiky mana amy ty hafa any. ²¹Tsy nisy ndra ia ndra ia nengany hampijaly androzy; mpanjaka rey ro nisaziny noho ty amin-drozy. ²²Hoy ie hozao: "Mba ka mikasiky an'i ze voahosotsy rey, sady mba ka manisys raty an'i mpaminaniko rey." ²³Mihirà ho an'Yaveh, tany iaby; ambarao isan'andro san'andro ty famonjeany. ²⁴Ambarao amy firenea rey eo ty voninahitsiny, sady amy firehea iaby rey eo asany mahatseriky rey. ²⁵Fa bevata Yaveh ka le tokony ho tompoe maré, sady tokony hatahora anabo njanaharin-kafa iaby rey Ie. ²⁶Safe sampy Njanahary ty firenea iaby, fa Yaveh ro nanao ty lanitsy. ²⁷Amy ty famonjeany eo ty famirapiratsy noho ty voninahitsiny. Sady amy ty toerany eo ty hery noho ty hafalea. ²⁸Manomeza an'Yaveh, foko ty olo lako, manomeza voninahitsy noho hery an'Yaveh; ²⁹ameo an'Yaveh ty voninahitsy maeva ty anarany. Mandaisa fanomeza sady mamonjea anilany eo. Mandahalifa amy Yaveh amy ty famirapiratsy masy. ³⁰Mangovitsy anilany eo, tany iaby. Tany iaby toy avao koa ro fa namboary; tsy afaky hazongozony zay. ³¹Enganie ho faly ty lanitsy, sady enganie ndrozy hivola amy firenea rey eo hozao: "Manjaka Yaveh." ³²Engaho hierotsy ty riaky, sady ze manatsiky zay le hihiaky am-pifalea. Enganie ho faly baiibo rey, noho ze iaby amy rey eo. ³³Sady engaho hazo an'ala ao rey hihiaky am-pifalea anila i Yaveh eo, fa ho avy hitsara ty tany Ie. ³⁴Misaora an'Yaveh, fa soa Ie, safe maharitsy mandrakizay ty fanenkeany matoky. ³⁵Bakeo mivolana hozao: "vonjeo zahay, Njanahary ty famonjeany. Avorio miaraky zahay sady vonjeo amy firenea hafa rey, mba ho afaky hanome fisaora ho ahy ty anaranao masy noho voninahitsy amy ty fanompoa Anao zahay." ³⁶Ho tompoe mandrakizay lahy i Yaveh, azy Njanaharin'Israely. Hoasa ty olo iaby hozao: "Amena" sady nanompo an'Yaveh. ³⁷Laha zay Davida le nanenga an'i Asafa noho rahalahiny tanila azy fiondrana ty fanenkea Yaveh iny eo, mba hanompo mandrakariva anila azy fiondrana iny, manahaky ze take ty asa isan'andro san'andro. ³⁸Anay zay i Obed-Edoma miaraky amy longony enim-polo valo amby. Obed-Edoma anakilahy i Jedotona, miaraky amy i Hosa, ro mpiemby vavahady. ³⁹Zadoka azy mpisoro noho mpisoro namany iny rey ro tamy ty toera abo eo ta Gibeona ao mba hanompo aloha ty tabernakelin'Yaveha eo. ⁴⁰Hanome fanomeza oroa mandrakariva amy maray noho hariva ho ahy Yaveh anabo ty alitara eo ho ahy ty fanoroa fanomezan-drozy, manahaky zeciaby voasoratsy amy ty lalà Yaveh ao, ze nameany ho lily ho an'Israely. ⁴¹Hemana noho Jedotona ro niaraky tamin-drozy, niaraky tamy ambiny rey ze nitinginy tamy ty anara, mba hanome fisaora an'Yaveh, safe ela mandrakizay ty fanenkeany matoky. ⁴²Hemana noho Jedotona ro mpiantoky ty tsano ze mitsoky trompetra rey, Kipantdo, sady raha-maneno hafa ho ahy ty hira masy. Anakilahy i Jedotona rey ro niemby ty vavahady. ⁴³Bakeo ty olo iaby nimpoly tan-tsanon-drozy ao iaby, sady Davida nimpoly mba hila ty longony.

Chapter 17

¹Sady lafa tafapetraky tamy ty tsanony ao ty mpanjaka, le hoy ie tamy i Natana to-resaky hozo: "Ingo, mipetsaky anay tsano sedera zaho, nefa ty fiondrana ty fanenkea Yaveh ro mijano ambany lay ao." ²Le hoasa Natana tamy Davida hozo: "Mandehana, anovo ze am-ponao ao, fa mitahy anao Njanahary." ³Nefa ty haly avao ro avy tamy i Natana ty safan-Janahary, nanao hozo: ⁴"Mandehana sady volano i Davida mpiasako hoe: 'Zao ro volany i Yaveh: Tsy hamboatsy tsano ho Ahy mba hipetsahako iha.' ⁵Fa tsy mbo nipetsaky tanay tsano ao Zaho nanomboky tamy ty andro ze nandaisako an'Israely niakatsy ka le zisiky amy andro zao. Fa koa, nipetsaky tanay lay ao Zaho, le tabernakely, tamy ty toera sambihafa. ⁶Tamy ty toera iaby ze fa nifindrako tamy Israely iaby eo, moa va Zaho fa nivola ndra ino ndra ino tamy mpitarikin'Israely ze nitondroko rey ho mpiemby ty olo lakoko, nonao hozo: "Nanino nareo ro tsy namboatsy tsano sedera ho Ahy?" ⁷"Amy zao, volano Davida mpiasako hoe: 'Zao ro volany Yaveh Tompo ty lako: Zaho ro nangalaky anao baka amy ty tany fihinanam-biby, baka amy ty fanaraha aondry, mba ho mpanapaky amy Israely oloko eo iha. ⁸Nitahy anao Zaho ndra taia ndra taia nandehananao sady nandrava fahavalonao rey tsy ho alohanao eo, sady hameako anara, manahaky ty anara ze bey anabo ty tany eo iha. ⁹Hanondro toera raiky ho ahy Israely oloko Zaho sady hampipetsaky androzy ao, mba hipetsahan-drozy amy ty toeran-drozy ao manoka sady tsy hana ahiahy sasy. Olo raty fanahy rey ro tsy hampijaly androzy, manahaky ty nanovin-drozy taloha sasy, ¹⁰manahaky ty nanovin-drozy manomboky tamy ty andro ze nibekoako mpitsara rey mba ho amy Israely oloko rey eo. Bakeo handavo lefo fahavalonao rey iaby Zaho. Fanampy zay le volaniko aminao fa zaho, Yaveh, ro hamboatsy tsano raiky ho anao. ¹¹Ho avy zay lafa tanteraky ty fotoanao ze handehananao amy razambenao rey any, le hampitsanga tariha manolo anao rey Zaho, sady ho ahy ty raiky amy tarihanao rey, le Zaho ro hampipetsaky ty fanjakany. ¹²Hanamboatsy tsano ho Ahy ie, sady Zaho hampipetsaky ty seza fipetrahany mandrakizay. ¹³Ho babany Zaho, sady ie ho anako. Tsy halako aminy ty fahatokisa ty fanenkeako, manahaky ty nangalako zay tamy i Saoly, ze nanapaky talohanao. ¹⁴Hapetsako ho amy ty tsanoko noho amy ty fanjakako mandrakizay eo ie, sady ty seza fipetrahany ro hipetsaky mandrakizay." ¹⁵Le niresaky tamy i Davida i Natana sady nanesy safa iaby rey taminy any, ka le niresaky taminy mikasiky azy fahita raiky iaby iny ie. ¹⁶Le nilitsy Davida mpanjaka sady nipetsaky taloha Yaveh eo; hoy ie hozo: "Ia moa zaho, Yaveh Njanahary, sady ino ty longoko, ro le nandesinao ho amy tanjo zao zaho? ¹⁷Fa raha kelikely tamasonao eo zay, Njanahary e. Niresaky amy ty longo ty mpiasanao ze mbo ho avy Iha, sady nampitoro ahy tariha ho avy rey, Njanahary e. ¹⁸Ino sasy ro azoko, zaho Davida, volany aminao? Nameanao voninahitsy ty mpiasanao. Nameanao fankatoava manoka ty mpiasanao. ¹⁹Yaveh e, laha ty amy ty mpiasanao, noho mba hahantanteraky ty tanjo manoka, ro nananovanao raha-bey zao mba hampibaribary asanao bevata iaby rey. ²⁰Yaveh e, tsy misy manahaky Anao, sady tsy misy Njanahary hafa-tsy Iha, manahaky ze fa renay mandrakariva. ²¹Fa ia ro firenea anabo ty tany eo manahaky ty Israely olonao, ze navotanao, Njanahary, baka Egypta any mba ho olo lako ho Anao, mba hanao anara ho anao amy asa bevata rey noho mahatseriky? Firenea rey eo niroahinao tsy ho aloha ty olo lakonao eo, ze navotanao tamy Egypta. ²²Nanovinao ho olo lakonao manoka mandrakizay i Israely, sady Iha, Yaveh, le avy Njanaharin-drozy. ²³Ka le amy zao, Yaveh e, hipetsaky mandrakariva lahy ty fampanantenanao ze nanovinao mikasiky ty mpiasanao noho ty longony. Anoviny manahaky ze fa nivolaninao. ²⁴Hipetsaky mandrakizay lahy ty anaranao sady ho bevata, ka le hivola ty olo hoe: "Yaveh Tompo ty lako ro Njanaharin'Israely," laha apetsako anilanao eo, ty tsanoko, Davida mpiasanao. ²⁵Fa Iha, Njanahariko, ro fa nampitoro tamy ty mpiasanao fa hamboatsy tsano ho azy Iha. Zay ro anoviny, nahitako, zaho mpiasanao, firisiha hivavaky aminao. ²⁶Ka le amy zao, Yaveh e, Iha ro Njanahary, sady fa nanao fampanantenà zay tamy ty mpiasanao: ²⁷Sady sitsakinao ty hitahy ty tsano ty mpiasanao, mba hitohiza zay mandrakizay anilanao eo. Iha, Yaveh e, ro nitahy zay, ka le ho voatahy mandrakizay zay."

Chapter 18

¹Tafara zay Davida le nanafaky ty Filistina sady nandresy androzy. Lalàny tamy ty fifeheza ty Filistiny i Gata noho ty tanàny. ²Sady nandresy an'i Moaba ie bakeo, sady le nanjary mpiasa i Davida ty Moaba sady nandoa haba taminy. ³Le resy i Davida i Hadarezera, mpanjaka i Zoba ta Hamata ao, laha mbo nandeha mba hampipetsaky ty lalàny tan-tsisy ty renirano i Eofrata eo i Hadarezera. ⁴Nanamnotsy kalesa arivo raiky, noho mpiondra-sovaly fito arivo, sady mpandeha an-tomboky roa aly i Davida. Nitsekofy i Davida sovaly ty kalesa iaby rey, fa nanoka ze mahampy kalesa zato ie. ⁵Lafa niavy mba hanampy an'i Hadarezera mpanjaka i Zoba rey Syriana baka Damaskosy any, le namono lahilahy Syriana roa rivo noho roa aly Davida. ⁶Bakeo le nampipetsaky maramila ta Syria a-Damaskosy any i Davida, ka le nanjary mpiasa i Davida ty Syriana sady nandoa haba taminy. Namea Yaveh fandrese a Davida ndra taia ndra taia nandehany. ⁷Nala i Davida fiaro volamena iaby rey tamy ty mpiasa i Hadarezera rey eny sady nandesiny ta Jerosalema any. ⁸Ta Tibata noho Kona any, tanà i Hadarezera, ke nangataky saba lako i Davida. Saba zay ro nananova i Solomona ty riaky-saba, ty andry, noho ty fiasà saba tafara tato. ⁹Lafa re i Toy, mpanjaka i Hamata, fa resy i Davida ty tafiky i Hadarezera mpanjaka i Zoba iaby, ¹⁰le nalefa i Toy tamy i Davida any i Hadorama anakilahiny mba hiarahaba noho hisaotsy azy, safe Davida nialy tamy i Hadarezera noho nandresy azy, sady safe nampitsanga aly tamy i Toy i Hadarezera. Sady Hadorama ro nanday raha vita tamy ty volafoty, volamena, sady saba niaraky taminy. ¹¹Natoka i Davida mpanjaka ho an'Yaveh raha rey, niaraky tamy ty volafoty noho volamena ze nandesiny baka amy ty firenea iaby: Edoma, Moaba, ty olo lako i Amona, Filistina rey, sady ty Amalekita. ¹²Namono Edomitavvalo ray aly noho valo arivo i Abisay anakilahy i Zeroia tamy ty Lohambaibon-tsira. ¹³Nametsahany maramila ta Edoma ao, sady nanjary mpiasa i Davida Edomita iahy rey. Namean-Janahary fandrese a Davida ndra taia ndra taia nandehany. ¹⁴Nanjaka tamy Israely iaby eo Davida, sady nanao ty rariny noho ty fahamarina tamy ty olo lakony iaby ie. ¹⁵Joaba anakilahy i Zeroia ro mpifehy ty tafiky, sady Josafata anakilahy i Ahiloda ro mpanoratsy. ¹⁶Zedoka anakilahy i Ahitoba noho Abimeleka anakilahy i Abiatara ro mpisoro, sady Saosa ro mpanoraky-lala. ¹⁷Benaia anakilahy i Joiada ro nifehy Keretita noho Peletira rey, sady anakilahy i Davida rey ro mpanome-say mitariky ty mpanjaka.

Chapter 19

¹Sady tafara tato le maty Nahasy, mpanjaka ty olo lako i Amona, sady le ty anakilahiny ro lasa mpanjaka tamy ty toerany eo. ²Hoasa Davida hozao: "Hampitoro hasoam-panahy amy i Hanona anakilahy i Nahasy zaho, safe nampitoro hasoam-panahy tamiko ty babany." Ka le nandefa iraky i Davida mba hampijano azy mikasiky ty babany. Nilitsy tamy ty tany Amonita any mpiasa i Davida rey sady nana amy i Hanona any, mba hampijano azy. ³Fe hoasa lahilahy lako Amonita rey tamy i Hanona hozao: " Mieritseritsy va iha fa manome voninahitsy ty babanao i Davida safe naniraky mpiasany rey mba hampahery anao? Moa tsy avy aminao eto mpiasany rey mba hisafo noho hanenty ty tany mba handrava zay?"⁴Ka le nanambotsy mpiasa i Davida i Hanona, nandratsy androzy, nanapaky fisikinan-drozy zisiky amy ty valahany eo, zisikybamy ty foto-pen-drozy eo, sady nandroaky androzy. ⁵Lafa nihazavan-drozy tamy i Davida zay, le naniraky hitsena androzy ie, safe afa-baraka tanteraky lahilahy rey. Hoasa ty mpanjaka hozao: "Mijanona a-Jeriko ao zisiky hitiria ty volosomotsinareo ndraiky, sady mimpolia bakeo."⁶Lafa hita Amorita rey fa nanjary nangily holitsy tamy i Davida ndrozy, le nandefa talenta volafoty arivo raiky i Hanona noho ty Amonita mba hikarama kalesa Syriaana noho mpiondra-sovaly baka amy i Naharaima, Maka, sady Zoba. ⁷Nampikarama androzy kalesa telo aly noho roa rivo ty mpanjaka i Maka noho ty olo lakony, ze avy nipetsaky taloha i Medeba eo. Nivory tamy tanàny rey eo Amonita rey, sady niboaky ho amy ty aly.⁸Lafa naharé zay i Davida, le naniraky an'i Joaba noho ty tafikiny iaby ie mba hamonjy amin-drozy. ⁹Niboaky ty olo lako i Amona ka le nilahatsy ho amy ty aly tamy ty vavahady ty tanà eo, laha tamy ty baibo mpanjaka ze avy rey eny.¹⁰Lafa hita i Joaba ty aly nanatsiky azy sady taloha teo ro tafara ao, le nifantoky ilany amy mpialy mahay bibiky rey tamin'Israely eo ie sady mandahatsy androzy hanohitsy Syriaana rey. ¹¹Laha ty amy tafiky ambiny rey, le nameany ho ambany fibekoa i Abisay eo rahalahiny zay, sady nalahatsiny ho amy ty aly hanohitsy ty tafiky i Amona ndrozy.¹²Hoasa Joaba hozao: "Laha hohatsy ka mahery maré ho ahy Syriaana rey, le iha, Abisay, ro tsy maintsy mamonjy ahy. Fa laha mahery maré aminao koa ty tafiky i Amona, le ho avy hamonjy anao zaho. ¹³Mahereza, sady enga anie tsika hampitoro ty vatantsika ho mahery ho ahy ty olo lakontsika noho ho an'i tanà ty Njanaharintsika, fa hanao ze soa ho ahy ty tanjony Yaveh."¹⁴Ka le nisoro ho amy ty aly i Joaba noho maramila tafikiny rey mba hanohitsy Syriaana rey, ze voatery nilay tanila ty tafik'Israely eo. ¹⁵Lafa hita ty tafiky i Amona fa nilay Syriaana rey, le nilay an'i Abisay rahalahy i Joaba avao koa ndrozy ka le nimpoly tan-tanà any. Bakeo nimpoly baka amy ty olo lako i Amona ao i Joaba sady noly ta Jerosalema any.¹⁶Lafa hita Syriaana rey fa resy Israely rey ndrozy, le nandefa fanampy-hery baka Andafy ty Ony Eofrata any ndrozy, niaraky tamy i Sofaka azy mpifehy ty tafiky i Hadarezera. ¹⁷Lafa nivola zay i Davida, le namory an'i Jordana, sady avy tamin-drozy eo. Nandahatsy ty tafiky ho amy ty aly hanohitsy Syriaana rey ie, sady nialy taminy ndrozy.¹⁸Nilay an'Israely ty Syriaana, sady Davida namono mpiondra-kalesa Syriaana fito arivo noho maramila mpandeha tomboky efatsy aly. Nivonoany avao koa i Sofaka, azy mpifehy ty tafiky iny. ¹⁹Lafa hita mpanjaka iaby rey ze mpiasa i Hadarezera fa resin'Israely ndrozy, le nilongo tamy i Davida ndrozy sady nanompo androzy. Ka le tsy maniry ty hanampy Amonita rey sasy ty olo lako i Syria.

Chapter 20

¹Sady tamy ty foto ty lohantao, fo-tao handehana ty mpanjaka amy aly any laha ty tokony ho ie, ro nitariha i Joaba ty tafiky ho amy ty aly noho nandravany ty tany Amonita rey. Lasa ie sady nanao vava an'i Raba. Nijano ta Jerosalema ao i Davida. Sady nanafiky an'i Raba ka le nandresy zay i Joaba.²Nala i Davida hiala amy ty lohany ty satso-boninahitsy ty mpanjakan-drozy, sady hitany fa talenta volamena raiky ty lanja zay, sady nisy vato sarotsy tamy zay ao. Napetsaky tan-doha i Davida eo azy satso-boninahitsy iny eo, sady naboakiny gadra lako mare tan-tanà ao rey. ³Naboakiny ty olo ze tan-tanà ao sady niforisevany hiasa miaraky amy ty tsofa noho fangao-by sady famaky ndrozy. Davida ro nangataky tanà ty olo lako i Amona iaby rey mba hanao asa zay. Bakeo nimpoly ta Jerosalema any i Davida noho ty tafiky iaby.⁴Tafara zay le nisy aly niaraky tamy Filistina rey ta Gazera ao. Nivonoa i Sibekay azy Hosatita iny i Sipay, raiky amy tariha ty Refaita rey, sady resy Filistina rey. ⁵Le nisy niaraky tamy Filistina rey ndraiky ta Goba ao, sady nivonoa i Elanana anakilahy i Jaira azy Betlehema i Lamy iny rahalahy i Goliata azy Gatita iny, ty tsora-kazo ze nana lefo ro manahaky ty fara-tsanaky mpanenono.⁶Sady nisy aly raiky hafa ndraiky ta-Gata ao ze nisy lahilahy lava bevata nana rantsan-tana eny isaky ty tana sady rantsan-tomboky eny isaky ty tomboky. Ie avao koa ro baka amy ty tariha ty Refaita. ⁷Lafa nandratoraty ty tafiky Israely ie, le nivonoa i Jehonadaba anakilahy i Simea, rahalahy i Davida. ⁸Rey ro tariha ty Refaita baka Gata ao, sady maty ty tana i Davida noho ty tana maramilany rey ndrozy.

Chapter 21

¹Nisy fahavalo raiky nitsanga nanohitsy an'Israely sady nandrisiky an'i Davida mba hanisaky ty Israely.² Hoasa Davida tamy i Joaba noho mpifehy ty tafiky rey hozao: "Mandehana, hisaho ty olo lakon'Israely baka Beri-sheba ao ka le zisiky Dana any sady tatero amiko, mba hahaizako ty hisan-drozy." ³Le hoasa Joaba hozao: "Hampitombo abo zato mandilatsy ty tafikiny lahy Yaveh. Moa tsy manompo ty tompoko ie iaby? Nanino ro mila zay ty tompoko? Nanino ro manday heloky amin'Israely?" ⁴Kanefa tampitsy ty safa ty mpanjaka amy i Joaba. ka le lasa Joaba sady nandeha nameno an'Israely iaby. Bakeo le nimpoly ta Jerosalema ao ie. ⁵Sady le nitatery i Joaba tamy i Davida ty fiharoa ty hisa lahilahy mpialy rey. Nisy lahilahy 1. 100. 000 mitandraky meso-bevata ta Israely ao. Joaba raiky ro nana maramila 470. 000.⁶Fa Levy noho Benjamina ro tsy voahisaky amin-drozy, safe mampangoritsy ahy an'i Joaba beko ty mpanjaka. ⁷Nahameloky an-Janahary ty raha hanoviny, ka le nanafiky an'Israely Ie. ⁸Hoasa Davida tamin-Janahary hozao: "Nanota bey zaho tamy ty fananova zay. Ka le alao ty heloky ty mpiasanao, safe nanao hadala Bey zaho." ⁹Hoasa Yaveh tamy i Gada, mpaminany i Davida hozao: ¹⁰"Mandehana volano amy i Davida hozao: 'Zao ro ambara Yaveh: Ameako fitijgina telo iha. Mitingina raiky amy rey.'" ¹¹Laha zay Gada le nana amy i Davida any sady nivola taminy hozao: "Zao ro ambara Yaveh: 'Mitingina raiky amy ndreto: ¹²mosary telo tao, sa telo vola hialona fahavalo rey noho tsatsa ty meso-bevatan-drozy, sa telo andro amy ty meso-bevata i Yaveh, zay hoe, arety-mandrava amy ty tany ao, miarakany amy ty anjely Yaveh manrrava mameno ty tanin'Israely iaby.' Ka le amy zao, tapaho ze valin-tsafa vatany ho andesiko amy azy naniraky ahy iny." ¹³Le hoasa Davida tamy i Gada hozao: "Malahelo maré zaho. Engaho zaho holavo an-tana Yaveh eo manahaky ze an-tana ty olo eo, safe tena bevata ty famalozam-pony." ¹⁴Laha zay le nandefa loza tamin'Israely i Yaveh, sady olo fito aly ro maty. ¹⁵Nandefa anjely ta Jerosalema any i Yaveh mba handrava zay. Laha ie saiky handrava azy iny, le nanenty Yaveh sady nanova ty fisainany tamy azy raty iny. Hoy le tamy azy anjely mpandrava iny hozao: "Ampy zay! Ajanono ty tananao." Tamy fotoa zay le nitsanga tamy ty faloza i Araona azy eo Jebosita iny ty anjely i Yaveh. ¹⁶Nanenty anabo Davida sady nahita azy anjelybiny Yaveh nitsanga tanila ty tany eo noho ty lanitsy, nisy meso bevata voatoaky nanondro an'i Jerosalema tan-tanany eny. Bakeo Davida noho olo bey rey, nisiky akanjo fisaona, nampandohaliky ty tarehin-drozy tamy ty tany. ¹⁷Le hoasa Davida tamy Njanahary hozao: Moa tsy zaho ro nibeko ty hanisaky tafiky rey? Nanao raha raty zay zaho. Fa aondry rey, ino ro nanovin-drozy? Yaveh Njanahary! Engaho ty tananao hamango ahy noho ty longoko, fa mba ka enga hipetsaky amy ty olo lakonao ty loza." ¹⁸Le nibeko an'i Gada ty anjely Yaveh mba hivola amy i Davida, fa tokony hiakatsy noho hanory alitara ho an'Yaveh amy ty famaloza i Araona eo azy Jebosita iny i Davida. ¹⁹Laha zay le lasa niakatsy Davida manahaky ty torohevitsy nanovy i Gada nanoviny amy ty anara i Yaveh. ²⁰Laha mbo nandisa vary i Araona, le nitoliky ie sady nahita anjely iny. Le nivony ndrozy noho anakilahiny efatsy rey. ²¹Lafa avy tamy i Araona any i Davida, le nanenty Araona ka le nahita an'i Davida. Niala ty famaloza ie sady nampandohaliky ty tarehiny tamy ty tany tamy i Davida eo. ²²Le hoasa Davida tamy i Araona hozao: "Avalio amiko ty famaloza toy, mba hafahako manamboatsy alitara ho an'Yaveh. Haloako ty viliny atsiky, mba hiala amy ty olo lako ty loza." ²³Hoasa Araona tamy Davida hozao: "Alao ho ahy nao zay, tompoko azy mpanjaka iny. Anovo aminy ze hitanao fa soa amasonao eo. Ingo, hanome aomby ho ahy nao ho fanomeza oroa zaho, ty famangoam-bary ho kata, sady ty vary ho fanomeza voa; Hameako anao iaby zay." ²⁴Le hoasa Davida mpanjaka tamy i Araona hozao: "Aha, tsivitavita hivily zay amy ty viliny atsiky zaho. Tsy hangalaky ze anao noho hanome zay ho fanomeza oroa amy i Yaveh zaho laha amea ahy avao zay." ²⁵Laha zay le nandoa enin-jato sekely volamena ho ahy azy toera iny i Davida. ²⁶Namboatsy alitara ho an'Yaveh eo Davida sady nanome fanomeza oroa noho fanomezam-pilongoa tamy zay eo. Nikaiky an'Yaveh ie, namaly azy tamy ty afo baka an-danitsy any ho amy ty alitara fandoroa eo ty fanomeza oroa. ²⁷Bakeo Yaveh nanome beko an'i azy anjely iny, sady nampimpoly ty sabany tamy ty fipetsaha ao anjely iny. ²⁸Lafa hita i Davida fa namaly azy tamy famaloza iny eo Jebosita i Yaveh, le nanao ty soro teo ie tamy fotoa io avao. ²⁹Sady tamy fotoa zay, ty tabernakely i Yaveh, ze nanovy i Mosesy tan'efitsy any, noho ty alitara ho ahy ty fanomeza oroa, le tamy tany abo rey ta Gibeona any. ³⁰Kanefa, tsy afaky nandeha tany mba hangataky ty tari-dalan'Janahary i Davida, safe natahotsy ty meso-bevata ty anjely i Yaveh ie.

Chapter 22

¹Bakeo Davida nivola hozao: "Eto ro hisy ty tsano Yaveh Njanahary, miaraky amy ty alitara ho ahy ty fanomeza oroa Israely. " ²Ka le nibeko mpiasany rey i Davida mba hamory miaraky rey vahiny ze mipetsaky amy ty tanin'Israely rey. Nitondrony ndrozy mba ho mpamaky vato, mba hamaky vato karanga rey, mba hanamboarany ty tsanon-Janahary.³Nanome vy lako maré ho fantsiky ty varavara mba ho amy ty vavahady eo, sady amy vy fanitia i Davida rey. Nanome saba lako noho ze azo lanja avao koa ie, ⁴sady hazo sedera lako tsy hay hisahy. (Nanday hazo sedera lako maré ho an'i Davida mba hisahy Sidoniana noho Tyriana rey.) ⁵Hoasa Davida hozao: "Solomona anakilahiko ro tanora sady tsy manam-pahaiza, sady azy tsano ze tokony hamboary iny ho an'Yaveh le tsy maintsy majilo, mba halaza noho bey voninahitsy amy tany hafa iaby rey eo. Ka le hikarakara ty fanamboara zay zaho." Laha zay le nanao fanomana bevata i Davida taloha ty nahafaty azy.⁶Bakeo le nikaiky an'i Solomona anany ie sady nibeko azy hanamboatsy tsano ho an'i Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny. ⁷Hoasa Davida tamy Solomona hoe: "Anako, Fikasako ty hanamboarako tsano, ho ahy ty anara Yaveh Njanaharin'ariko. ⁸Nefa Yaveh namonjy ahy sady nivola hoe: 'Fa nandatsaky lio lako sady fa nialy aly lako iha. Tsy hamboatsy tsano ho ahy ty anarako iha, safe fa nandatsaky lio lako tan-tany teo tamasoko eo iha.'⁹Ndra le zay aza, hana anakilahy raiky tea filongoa iha. Hanome azy tsiotsioky amy fahavalony rey iaby amy ty lafiny iaby Zaho. Fa ty anarany ro ho anovy hoe Solomona, sady hanome azy fiadana noho filamina ho an'Israely amy androny Zaho. ¹⁰Hamboatsy tsano ho ahy ty anarako ie. Ho anako ie, sady ho babany Zaho. Hampipetsaky ty seza fipetraha ty fanjakany Amin'Israely eo mandrakizay Zaho."¹¹Amy zay, anako e, hitahy anao lahy Yaveh sady hampety anao. ¹²Hamboatsy ty tsano Yaveh Njanaharinao lahy iha, manahaky ty nivolaniny fa hanovinao. Hanome anao say noho fahazavan-tsary avao koa lahy Yaveh, mba hankatoavy ty lalà Yaveh Njanaharinao, lafa mampipetsaky anao hiasa amin'Israely eo Ie. ¹³Le homety iha, laha mankato soa lalà noho lily ze namea Yaveh tamy i Mosesy mikasiky ty Israely rey. Mahereza sady mana herim-po. Mba matahotsy na laginy.¹⁴Sady, Ingo, ty fihezaha bevata ze fa nihomaniko ho ahy ty tsano Yaveh ze talenta volamena 100. 000, talenta volafoty ray tapitsisa, sady saba noho vy lako maré. Fa nanome hazo noho vato avao koa zaho. Tsy maintsy hanampy bevata maré an'i iaby rey iha.¹⁵Mana mpiasa lako miaraky aminao iha: mpamaky vato, mpanao tsano, mpandrafitsy, sady mpanao asa-tana mahay lako isan-karazany rey, ¹⁶ze afaky miasa amy ty volamena, volafoty, saba, sady vy. Ka atomboho ty asa, sdy hitahy anao lahy Yaveh. ¹⁷Nibeko mpitariky ty Israely iaby rey avao koa Davida mba hanampy an'i Solomona anakilahiny, manao hozao: ¹⁸"Mitahy anareo Yaveh Njanaharinareo sady fa nanome fiadana anareo tamy ty lafiny iaby. Fa nanome mpipetsaky ty faritsy tam-pelantanako teto Ie. Mofona anila Yaveh eo noho ty olony ty faritsy. ¹⁹Amy zao milà an'Yaveh Njanaharinareo amy ty fonareo iaby noho ty fanahinareo iaby. Mitsangana sady amboaro ty toera masy Yaveh Njanahary. Ka le afaky manday ty fiondrana ty fanenkea Yaveh noho raha ze ahy Njanahary rey an-tsano ze namboatsy ho ahy ty anara i Yaveh ao nareo."

Chapter 23

¹Lafa antitsy Davida sady fa mariny hofarany ty andro hiainany, le nanovy mpanjaka hanapaky an'Israely i Solomona anakilahiny. ²Navoriny niaraky mpitariky ty Israely iaby rey, niaraky tamy mpisoro rey noho Levita rey. ³Levita telo-polo tao rey ro handilatsy ro nisahy. Niisa valo arivo noho telo aly ndrozy. ⁴"Amy rey, le efatsy arivo noho roa aly ro niantoky ty asa tan-tsano Yaveh ao, sady enina arivo manam-boninahitsy rey noho mpitsara. ⁵Efatsy arivo ty mpiemby vavahady, sady efatsy arivo ty mpanompo an'Yaveh miaraky amy ty fiasa ze namboariko ho fanomeza fanompoa," Hoasa Davida. ⁶Nizarany ho goropy ze mifanaraky amy anakilahy i Levy rey ndrozy: Gersona, Kehata, sady Merary. ⁷Baka amy foko tariha i Gersona, ro nisy an'i Ladana noho Simey. ⁸Telo ty anakilahy i Ladana: Jehiela azy mpitariky iny, Zetama, sady Joela. ⁹Telo ty anakilahy i Simey: Selomota, Haziela, sady Harana. Rey ro mpitariky foko i Ladana rey. ¹⁰Efatsy ty anakilahy i Simey: Jahata, Ziza, Jeosy, sady Beria. ¹¹Jahata ro zokiny bibiky, sady Ziza ro faharoe, fa Heosy noho Beria koa tsy mba nana anakilahy lako, ka le nanovy ho foko raiky mitovy asa ndrozy. ¹²Efatsy ty anakilahy i Kehata: Amarma, Jizara, Hebrona, sady Oziela. ¹³Ndreto iaby ty anakilahy i Amrama: Arona noho Mosesy. Voatingy ho mpanoka raha-masy bibiky rey i Arona, ka le ie noho tarihany rey ro hanome ty lintan-kazo manitsy anila Yaveh eo, hanompo Azy sady hanome tsi-pirano amy ty anarany mandrakizay. ¹⁴Fa laha ty amy i Mosesy azy lahilahy Njanahary koa, le nanovy ho Levita anakilahiny rey. ¹⁵Anakilahy i Mosesy rey ro i Gersona noho Eliezera. ¹⁶Ty tariha i Gersona ro i Seboela azy zokiny bibiky iny. ¹⁷Ty tariha i Eliezera ro i Rehabia. Tsy nana anakilahy hafa i Eliezera, nefa Rehabia ro nana tariha lako. ¹⁸Ty anakilahy i Jizara ro i Selomita azy mpitariky iny. ¹⁹Ty tariha i Hebrona ro i Jeria, zokiny bibiky, Amaria ro faharoe, Jahaziela ro fahatelo, sady Jekameama ro faha efatsy. ²⁰Anakilahy i Oziela rey ro i Mika zokiny bibiky, sady Isiah ro faharoe. ²¹Anakilahy i Merary rey ro i Maly noho Mosy. Anakilahy i Maly rey ro i Eleazara noho Kisy. ²²Maty tsy mba nitera-dahy i Eleazara. Anak'ampela avao ro nananany. Anakilahy i Kisy rey ro nanambaly androzy. ²³Anakilahy i Mosy telo lahy rey ro i Maly, Edera, sady Jeremota. ²⁴Rey ro tariha i Levy manahaky ty fokon-drozy. Ndrozy ro mpitariky, voahisaky sady nisahy manahaky ty anara ty foko ze nanao ty asa fanompoa tan-tsano Yaveh ao, manomboky amy ty ropolo tao eo noho miakatsy. ²⁵Fa hoasa Davida hozao: "Yaveh, Njanaharin'Israely, le fa nanome fijanona ho ahy ty olony. Nanoviny a-Jersalema ao mandrakizay ty tsanony. ²⁶Tsy handay ty tabernakely noho fiasa fampiasa rey amy ty fanompoa iaby sasy Levita rey." ²⁷Fa tamy ty alala ty safa i Davida farany ro nanisaha Levita rey, ropolo tao noho miakatsy. ²⁸Ty rahalahin-drozy ro manatsiky tariha i Arona rey amy ty asa an-tsano Yaveh ao. Ndrozy ro mikarakara kianja rey, efitsano rey, ty fomba fanasa raha iaby ze an'Yaveh rey, sady ty asa fanompoa hafa an-tsanon-Janahary ao. ²⁹Ndrozy avao koa ro mikarakara ty mofo ty famonjea, ty koba soa lisa ho vary fanomeza, ty mofo matify tsy masira, fanomeza voahendry, fanomeza mifangaro solo-bonio, sady ty fanampera ty halakoa noho halakoan-draha iaby. ³⁰Nitsanga isaky-maray avao koa ndrozy mba hisaotsy noho hanompo an'Yaveh. Nanovin-drozy avao koa zay lafa hariva ³¹sady ndra ombia ndra ombia ro manesy fanomeza oroa ho an'Yaveh, na amy ty Meso-bevata na amy ty fankalaza ty beloham-bola noho amy ty andro fanasa. Ty hisa rakitsy, ze voatondro ty lily, le tsy maintsy atoro anila Yaveh eo mandrakizay. ³²Ndrozy ro niantoky ty tsano lay fitojeha, ty toera masy, sady nanampy tariha i Arona naman-drozy rey tamy ty fanompoa tan-tsano Yaveh ao.

Chapter 24

¹Ty antoko asa mifototsy amy tariha Arona rey le ndreto iaby: Nadaba, Abiho, Eleazara sady Itamara. ²Nadaba noho Abiho ro maty taloha ty nahafaty ty baban-drozy. Tsy nana-anaky ndrozy, ka le niasa manahaky ty mpisoro i Eleazara noho Itamara. ³David, niaraky tany i Zadoka, tariha i Eleazara, sady Ahimeleka, tariha Itamara, le nizarazara androzy ho antokiny amy ty asa maha-mpisoro androzy. ⁴Tany tariha i Eleazara rey ro nisy lahilahy mpitariky lako maré noho ty tany tariha Itamara rey eo, ka le nizarazaran-drozy ho antoko folo enin'ambany tariha i Eleazara rey. Nanao zay tany ty loha ty longo iaby noho tany tariha Itamara rey ndrozy. Valo fizarazara rey laha hisahy rey, ze mifankahazo amy ty fokon-drozy iaby. ⁵Nisarahasahan-drozy tany ty antsapaky ndrozy, safe nisy manam-boninahitsy masy noho manam-boninahitsy Njanahary, baka amy tariha i Eleazara rey noho tariha Itamara rey. ⁶Semaia anakilahy i Netanela mpanora-dalà, Levita raiky, le nanoratsy ty anaran-drozy tany ty famonjea ty mpanjaka eo, manam-boninahitsy rey, Zadoka mpisoro, Ahimeleka anakilahy i Abiatar, sady mpitariky rey ty fisorona noho longo ty Levita rey. Ty foko raiky voasariky tany ty antsapaky baka amy tariha Eleazara rey, sady ty manaraky le ho sarihy baka amy tariha Itamara rey. ⁷Ty loka velohany le nana amy Joariba any, ty faharoé an'i Jedaia, ⁸ty fahatelo an'i Harima, ty faha efatsy an'i Seorima, ⁹ty faha limy an'i Malkia, ty faha eny an'i Miamina, ¹⁰ty fahafito an'i Hakoza, ty fahavalo an'i Abia, ¹¹ty fahasivy an'i Jesoa, ¹²ty fahavalo an'i Sekania, ty faha folo raiky amby an'i Eliasiba, ty faha folo roamby an'i Jakima, ¹³ty faha folo teloamby an'i Hopa, ty faha folo efatsy amby an'i Jesebaba, ¹⁴ty faha folo limy amby an'i Bilga, ty faha folo enin'ambany an'i Imera, ¹⁵ty faha folo fito amby an'i Hezira, ty faha folo valo amby an'i Hafizeza, ¹⁶ty faha folo sivy amby an'i Petahia, ty faha ropolo an'i Jehezekela, ¹⁷ty faha ropolo raiky amby an'i Jakina, ty faha ropolo roa amby an'i Gamola, ¹⁸ty faha ropolo telo amby an'i Delaia, sady ty faha ropolo efatsy amby an'i Mazia, ¹⁹Rey ro filahara asan-drozy, lafa avy tany ty tsano Yaveh ao ndrozy, manaraky ty fitsipiky namea androzy tany ty alala i Arona razamben-drozy, manahaky ty nampianary Yaveh, azy Njanaharin'Israely azy iny. ²⁰Rey ro amby Levita rey: tany anakilahy i Amrama rey, le i Sobaela; tany anakilahy i Sobaela rey, le i Jedala. ²¹Rey ro anakilahy i Rehabia: tany anakilahy i Rehabia rey, me i Jisia mpitariky. ²²Tany Jizarita rey, le i Selomota; tany anakilahy i Selomota rey, le i Jahata. ²³Rey ro anakilahy i Hebrona: Jeria mpitariky, Amaria ro faha roe, Jahaziela ro faha telo, sady Jekameana ro faha efatsy. ²⁴Anay ty anaky ty tariha i Oziela i Mika. Anay ty tariha i Mika i Samira. ²⁵Jisia ro rahalahy i Mika. Anay ty anakilahy i Jisia i Zakaria. ²⁶Rey ro anakilahy i Merary: Maly noho Mosy. Ty anakilahy i Jazia, le i Beno. ²⁷Rey ro anakilahy i Merary: Jazia, Beno, Soham, Zakora, sady Ibry. ²⁸Ty anakilahy i Maly: Eleazara, ze tsy nana anakilahy. ²⁹Ty anakilahy i Kisy, ty anakilahy i Kisy le: Jeramela. ³⁰Rey ro anakilahy i Mosy: Maly, Edera, sady Jerimota. y ro Levita, voahisaky manahaky ty longon-drozy iaby. ³¹Lahilahy ze olo-bey ty hisan-dongo ty babany rey iaby noho faralahiny iaby rey, ro samby niloka tanila i David mpanjaka eo, noho Zadoka sady Ahimeleka, niaraky tany loha ty longo mpisoro rey noho Levita rey. Nanao antsapaky manahaky ty nanovy tariha i Arona rey ndrozy.

Chapter 25

¹Davidana noho mpitariky ty asa ty tabernakely rey ro nitingy ty asa ty ilany tamy anakilahy i Asafa, Hermana, sady Jedotona. Lahilahy rey ro naminany tamy harpa, lokanga, sady kipantso. Ndreto iaby ty lisita olo ze nanao asa rey zay: ²Baka amy anakilahy i Asafa: Zakora, Josefa, Netania, sady Asarela, anakilahy i Asafa rey, tambany fanintona i Asafa eo, ze naminany tambany fanaraha-maso ty mpanjaka. ³Baka amy anakilahy i Jedotoma: Gedalia, Zery, Jesaia, Simey, Hasabia, sady Matatia, Eny ty fiharoany, tambany ty fifeheza i Jedotoma baban-drozy eo, ze nititiky ty harpa mba hanomeza fisaora noho hanompoa an'Yaveh. ⁴Baka amy anakilahy i Hermana rey: Bokia, Matania, Oziela, Seboela, sady Jerimota, Hanania, Hanany, Eliata, Gidalt, Romamti-ezera, Josbekasa, Maloty, Hotira, sady Mazaiota. ⁵Anakilahy i Hermana to-resaky ty mpanjaka iaby iaby rey. Njanahary ro nanome anakilahy folo efatsy amby noho anak'ampela telo an'i Hermana mba hanomeza voninahitsy azy. ⁶Iaby iaby rey ro tambany fifeheza ty baban-drozy. Mpititiky raha maneno tan-tsano Yaveh ao ndrozy, miaraky amy kipantso noho lokanga rey laha manompo tan-tsano i Yaveh ao ndrozy. Asafa, Jedotona, sady Hermana ro tambany fanaraha-maso ty mpanjaka eo. ⁷Ndrozy noho rahalahiny ze manam-pahaiza noho nihomany mba hititiky moziky rey ho an'Yaveh le nihsaky 288. ⁸Nanao antsapaky ho an'i ty asany ndrozy rey, mitovy iaby, manahaky zay koa ho ahy ty tanora noho ty antitsy, ty mpampianatsy noho ty mpianatsy, ⁹Laha ty mikasiky an'i anakilahy i Asafa rey: ty antsapaky velohany ro azo ty longo i Josefa; ty faha roe azo ty longo i Gedali, olo mihsaky folo roo amby; ¹⁰ty faha telo azo i Zakora, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roe amby; ¹¹ty faha efatsy azo i Jizry, anakilahiny rey noho longony rey; olo folo roa amby; ¹²ty faha limy ro azo i Netania, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo ro amby; ¹³Ty faha eny ro azo i Bokia, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁴ty faha fito azo i Jesarela, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁵ty faha valo ro azo i Jesaia, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁶ty faha sivy ro azo i Matania, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁷Ty faha folo ro azo i Somey, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁸ty folo raiky amby ro azo i Azarela, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ¹⁹ty faha folo roa amby ro azo i Hasabia, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁰ty faha folo telo amby ro azo i Sobaela, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²¹Ty faha folo efatsy amby ro azo i Matitia, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²²ty faha folo limy amby ro azo i Jemerota, anakilahiny rey noho longony, olo mihsaky folo roa amby; ²³ty faha folo eny amby ro azo i Hanania, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁴ty faha folo fito amby ro azo i Josbekasa, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁵Ty faha folo valo amby ro azo i Hanania, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁶ty faha folo sivy amby ro azo i Maloty, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁷ty faharo-polo ro azo i Eliata, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁸ty faha raiky amby ropolo ro azo i Hotira, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ²⁹Ty faha ropolo roa amby ro azo i Gidalt, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ³⁰ty faha ropolo telo amby ro azo i Mahaziota, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby; ³¹ty faha ropolo efatsy amby azo i Romamti-ezera, anakilahiny rey noho longony rey, olo mihsaky folo roa amby.

Chapter 26

¹Ndreto iaby ty fizara mpiemby vavahady rey: Baka amy Koraita rey, Mesekemias anakilahy i Kore, tariha i Asafa. ²Meselemias ro nana anakilahy: Zakaria ro anakilahiny velohany, Jediaela ro faha roe, Zebadia ro faha telo, Jatniela ro faha efatsy, ³Elama ro faha limy, Johanana ro faha eny, Elihoenay ro faha fito. ⁴Obed-edoma ro nana anakilahy: Semaia ro anakilahiny velohany, Jozabada ro faha roe, Joa ro faha telo, sady Sakara ro faha efatsy, sady Netanela ro faha limy, ⁵Amiela ro faha eny, Isaka ro faha fito, Peoletahy ro faha valo, safe nitahin-Janahary i Obed-edoma. ⁶Sady Semaia anany ro niteraky lahilahy ze nanapaky tamy ty longo-drozy eo; ndrozy ro lahilahy mana fahaiza-manao lako. ⁷Anakilahy i Semaia rey le: Otny, Rafaela, Obedas sady Elzabada. Longony rey Eliho noho Semakia ro olo mana fahaiza-manao lako avao koa. ⁸Iaby iaby rey ro tariha i Obed-edoma. Ndrozy noho ty anakilahin-drozy sady longony rey ro olo mahavita manao ty asany amy ty tabernakely fanompoa any. Nisy enim-polo roa amby tamin-drozy nifankahazo tamy i Obed-edoma. ⁹Meselemias ro nana-anakilahy noho longo, olo manam-pahaiza, folo valo amby ty fiharoany. ¹⁰Hoasa, tariha i Merary, le nana anakilahy: Simry ro mpitariky (na ro tsy anakilahy velohany aza ie, le nanovy ty babany ho mpitariky), ¹¹Hilkia ro faha roe, Tebalia ro fahatelo, sady Zakaria ro efatsy. Anakilahy i Hosa noho longony mariny iaby rey ro folo telo amby ty hisany. ¹²Fizara mpiemby vavahady rey, mifanaraky amy ty mpitariky androzy, le nana andraikitsy, manahaky longony rey, mba hanompo an-tsano Yaveh ao. ¹³Niloka androzy, na ty tanora ndra ty antitsy, mifanaraky amy ty longon-drozy, ho ahy ty hisam-bavahady. ¹⁴Lafa natoraky ho ahy ty vavahady antinana ty loka, le latsaky tamy Selemias ao zay. Le nanoraky ty loka ho an'i Zakaria anakilahin-drozy, ze mpanome-say hendry, sady ty lokany ro nitoro ho ahy ty vavahady avaratsy. ¹⁵Ty vavahady antimo ro nitondroe ho an'i Obed-edoma, sady ty tsano fanajaria ro nitondroe ho an'i anakilahiny rey. ¹⁶Ty vavahady andrefa ro nitondroe ho an'i Sopima noho Hosa miaraky amy ty vavahady ty Seleketa, amy ty lala miakatsy. Voapetsaky ho ahy ty isan-dongo fiembena rey. ¹⁷Tan-tinana any ro nisy Levita enina, ty tavaratsy any efatsy isan'andro, ty tan-timo any efatsy isan'andro, sady lahilahy kiroe-droe roe ty tamy ty tsano fanajaria any. ¹⁸Tamy ty fitsarà andrefa ao ro nisy soratsy efatsy, efatsy tamy ty lala eny, sady roe tamy ty fitsarà ao. ¹⁹Rey ro fizara mpiemby vavahady rey. Ndrozy ro atsiky ty tariha i Kora noho Merary. ²⁰Amy ty Levita eo, Ahia ro niantoky hanana tan-tanon-Janahary ao, noho ty hanana tamy raha ze an'Yaveh rey ao. ²¹Ty tariha i Ladana, tariha baka amy i Gersona baka amy ty alalany sady mpitariky ty longo i Ladana azy Gersonita iny, le i Jehielita noho anakilahiny rey, ²²Zetama, noho Joela rahalahiny, ze nanara-maso ty tsano fanajaria an-tsano Yaveh ao. ²³Nisy mpiemby avao koa voasinto tamy ty longo lako i Armama, Jizara, Hebrona, sady Oziela. ²⁴Seboela anakilahy i Gersona anaky i Mosesy, ro mpanara-maso amy ty tsano fanajaria ao. ²⁵Longony baka amy ty longo lako i Eliezera rey ro Rehabia anakilahiny, Jesaia anakilahy i Rehabia, Jorama anakilahy i Jesaia, Zikry anakilahy i Jorama, sady Selomota anakilahy i Zikry. ²⁶Selomota noho ty longony ro niantoky ty tsano fanajaria iaby mitandraky raha ze an'Yaveh rey, ze natoka i Davida mpanjaka, mpitariky ty longony rey, ty mpifehy ty arivo raiky noho ty mpifehy ty zato, sady mpifehy ty tafiky rey. ²⁷Natokan-drozy ze azo gadra tamy ty aly ho fahafoeza ho ahy ty tsano Yaveh. ²⁸Niantoky ty amy ty raha iaby ze natoka i Samoela mpaminany, Saoly anakilahy i Kisy, Abnera anakilahy i Nera, sady Joaba anakilahy i Zeroia ho an'Yaveh avao koa ndrozy. Ty raha iaby ze voatoka ho an'Yaveh le tambany fiembena i Selomota noho longony rey eo. ²⁹Ty baka amy ty tariha i Jizara, Kenania noho anakilahiny rey ro niantoky ty raharahan'olon-tsotsa amin'Israely. Ndrozy ro manam-boninahitsy noho mpitsara. ³⁰Ty baka amy ty tariha i Hebrona, Hasabia noho rahalahiny rey, le lahilahy mahay 1. 700, ro niantoky ty asa i Yaveh noho ty asa ty mpanjaka. Tan-day andrefa i Jordana any ndrozy. ³¹Baka amy ty tariha i Hebrona, Jeria ro mpitariky tamy tarihany rey, voahisaky tamy ty lisita longony rey. Tamy ty tao faha efa-polo nanjaka i Davida ro nandinihan-drozy ty fanorata an-tsoratsy sady nahitany lahilahy mahay ta Jezera so a-Gileada any tamin-drozy eo. ³²Jerias ro nana longo 2. 700, ze olo bay ty longo mahay. Nanovy i Davida mpitariky tamy foko i Robena noho Gada rey ro, sady ty antsasa-poko i Manase, amy ty raha iaby mikasiky an-Janahary, noho ty amy tyvrahalahy ty mpanjaka ndrozy.

Chapter 27

¹Ndreto ty lisita ty longo mpitariky Israelita rey, mpifehy ty arivo raiky noho ty zato rey, mbamy manam-boninahitsy ty tafiky ze nanompo ty mpanjaka tamy ty fomba samby hafa rey. Ty antoko maramila kirai-draiky ro nanompo isam-bola sam-bola anay ty tao. Ty antoko kirai-draiky ro nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly iaby. ²Ty loha ty antoko tamy ty vola velohany le i Jasobeama anakilahy i Zebdiela. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ³Hisaky tariha i Fereza rey ie sady niantoky an'i manam-boninahitsy ty tafiky iaby rey anay ty vola velohany. ⁴Dodo ro loha ty antoko tamy ty vola faharoe, ze baka amy ty foko tariha i Ahoa. Miklota ro tamy ty lahara faharoe eo. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ⁵Ty mpifehy ty tafiky tamy ty vola fahatelo le i Benaia anakilahy i Joiada, mpisoro noho mpitariky. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ⁶Io azy Benaia ze mpitariky telo-polo rey iny, sady loha telo-polo rey. Tamy ty antokony ao i Amizabada anakilahiny. ⁷Asahela rahalahy i Joaba ro mpifehy tamy ty velo faha-efatsy. Zebadia anakilahiny ro avy lasa mpifehy nanolo azy. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony. ⁸Samihota ro mpifehy tamy ty vola faha limy, ze tariha Jizarita. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ⁹Ira anakilahy lkesy, baka Tekoa any ro mpifehy tamy ty vola faha eny. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹⁰Heleza Pelonita, baka amy olo lako i Efraima rey ro mpifehy tamy ty vola faha fito. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹¹Sibekay azy Hosatita iny, baka amy ty foko tariha i Zera ro mpifehy tamy ty vola faha valo. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹²Abiezera azy Anatotita iny, baka amy ty foko i Benjamina ro mpifehy tamy ty vola faha sivy. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹³Maharay baka amy ty tanà i Netofara any, baka amy ty foko tariha i Zera ro mpifehy tamy ty vola faha folo. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹⁴Benaia baka amy ty tanà i Piratona ao, baka amy ty foko i Efraima ao ro mpifehy tamy ty hola faha folo raiky amby. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony. ¹⁵Helday baka amy ty tanà i Netofata ao, baka amy ty foko tariha i Otniela ro mpifehy tamy ty vola faha folo roa amby. Nisy lahilahy efatsy arivo noho roa aly tamy ty antokony ao. ¹⁶Ndreto iaby mpitariky ty fokon'Israely rey: Ho ahy ty foko i Robena, le Eliezera anakilahy i Zikry ro mpitariky. Ho ahy ty foko i Simeona, le Sefatia anakilahy i Maka ro mpitariky. ¹⁷Ho ahy ty foko i Levy, le Hasabia anakilahy i Kemoela ro mpitariky, sady Zadoka ro nitariky tariha i Arona rey. ¹⁸Ho ahy ty foko i Joda, le Eliho, raiky amy rahalahy i Davida rey ro mpitariky. Ho ahy ty fokon'Israely, le Omry anakilahy i Mikaela ro mpitariky. ¹⁹Ho ahy ty foko i Zebolona, le Jismala anakilahy i Obadia ro mpitariky. Ho ahy ty foko i Naftaly, le Jerimota anakilahy i Azriela ro mpitariky. ²⁰Ho ahy ty foko i Efraima, ro Hosea anakilahy i Azazia ro mpitariky. Ho ahy ty antsasaky ty foko i Manase, le Joela anakilahy i Pedaia ro mpitariky. ²¹Ho ahy ty antsasaky ty foko i Manase ta Gileada ao, le Ido anakilahy i Zakaria ro mpitariky. Ho ahy ty foko i Benjamina, le Jasiela anakilahy i Abniera ro mpitariky. ²²Ho ahy ty foko i Dana, le Azarela anakilahy i Jehorama ro mpitariky. Rey ro mpitariky ty fokon'Israely. ²³Tsy nanisaky ropolo tao rey na ambany zay i Davida, safe hampanantena ty halakoa an'Israely manahaky basia lanitsy rey i Yaveh. ²⁴Nanomboky nanisaky olo rey i Joaba, fe tsy nahavita. Laha zay le nilavo tamin'Israely eo ty halaginy. Tsy voasoratsy amy ty Tantara i Davida Mpanjaka ao tarehimariky io. ²⁵Azmaveta anakilahy i Addiela ro niantoky ty rakitsy ty mpanjaka. Jonatana anakilahy i Ozia ro niantoky ty fanajaria tam-baibo any, tamy tanà-bevata rey any, noho tamy ana-bohitsy rey any, sady tamy tilikambo voaaro rey any. ²⁶Ezry anakilahy i Keloba ro niantoky an'i mpambolintsika rey, ze jiasa ty tany rey. ²⁷Simey baka Rama any ro niantoky tanim-boloboky rey, sady Zebdy baka Sifama any ro niantoky voloboky rey noho ty lakaly fanajarian-divay. ²⁸Bala-hanana baka Gadera any ro niantoky hazo oliva noho hazon'amontana tamy tany lonaky any rey, sady Joasy ro niantoky tsano fanajaria-menaky rey. ²⁹Sitray baka Saràna any ro niantoky biby haré rey ze nihinam-biby ta Saràna any, sady Safata anakilahy i Adlay ro niantoky biby haré rey ze tamy loham-baibo any. ³⁰Obila azy Ismaelita iny ro niantoky an'i rameva rey, sady Jedda baka a-Meronota any ro niantoky an'i boriky vavy rey, Jaziza Hagarita ro niantoky an'i aondry noho aosy. ³¹Iaby rey ro miantoky ty fanana i Davida Mpanjaka iaby. ³²Mpanome-say i Janatana, rahalahy baba i Davida, safe hendry ro sady mpanoraky lalà ie. Jehita anakilahy i Hakmony ro niahy anaky ty mpanjaka rey. ³³Ahitofela ro mpanome-say ty mpanjaka, sady Hosay baka amy olo lako Arkita rey ro mpanome-say manoka ty mpanjaka. ³⁴Nirambesy i Joiada anakilahy i Benaia, noho Abiatara ty toera i Ahitofela. Joaba ro mpifehy ty tafiky ty mpanjaka.

Chapter 28

¹Navory i Davida manam-boninahitsy rey Israely iaby ta Jerosalema ao rey: manam-boninahitsy foko rey, manam-pahefa antoko ze nanompo ty mpanjaka tamy ty asan-drozy voalahatsy rey, mifehy an'arivo raiky noho mifehy an-jato rey, mpitandraky ty hanana noho fanana ty mpanjaka noho ty ahy anakilahiny iaby rey, sady manam-pahefa noho lahilahy mpialy rey, anay zay ty mahay bibiky amin-drozy.²Le nitsanga Davida mpanjaka sady nanao hozao: "Janjino zaho, rahalahiko noho olo lakoko. Faniriako ty hanamboatsy egilizy ho ahy ty fiondrana ty fanenkea i Yaveh; fipetsahan-tomboky ho ahy Njanaharintsika, sady fa nanao fanomana hanamboara zay zaho. ³Nefa hoasa Njanahary tamiko hozao: 'Tsy hanamboatsy egilizy ho ahy ty anarako iha, safe lahilahy aly nareo sady fa nandatsa-dio. ⁴'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, fa nitingy ahy tamy ty longo-babako iaby ho mpanjaka amin'Israely eo mandrakizay. Fa nitingy ty foko i Joda ho mpitariky Ie. Nitingy ahy ho mpanjaka amy Israely iaby eo tamy ty foko i Joda ao, sady tamy ty longo-babako ao, baka amy ty anakilahy-babako iaby Ie. ⁵Baka amy anakilahy lako namea Yaveh ahy rey, ro nitinginany an'i Solomona, anakilahiko, mba hipetsaky amy ty seza fipetsaha ty fanjaka Yaveh eo, amin'Israely eo, ⁶Hoy Ie tamiko hozao: 'Hanamboatsy ty tsanoko noho kianjako rey i Solomona anakilahiko, safe fa nitingy azy ho anako Zaho, sady ho babany Zaho. ⁷Hampipetsaky ty fanjakany mandrakizay Zaho, laha mipetsaky manenky liliko noho lalàko rey, manahaky anao amy zao ie. ⁸Sady amy zao, amason'Israely eo iaby, egilizy toy ho an'Yaveh, noho amy ty famonjea Njanaharintsika, le embenonareo iaby sady tano lily Yaveh Njanaharinareo iaby rey. Anovo zay mba hanananareo tany soa zay ka le hampipetsaky zay ho lova anakinareo manolo anareo mandrakizay. ⁹Sady ty aminao, Solomona anako, enkeno ty Njanahary ty babanao, sady manompoa Azy amy ty fonao iaby noho fanahy mazoto. Anovo zay safe Yaveh mila ty fo iaby sady mahatakatsy ty fazotoa ty eritseritsy ty olo iaby. Laha mila Azy iha, le ho hitanao Ie, nefa laha miala Azy iha, le hanary anao mandrakizay Ie. ¹⁰Haiko fa Yaveh fa nitingy anao mba hanamboatsy egilizy zay ho fipetrahany masy. Mahereza ka le anovo zay. ¹¹Le namea i Davida an'i Solomona anany ty sary ty filira ty egilizy, ty fanangana ty egilizy, tsano fanajaria rey, efitsy farany anabo rey, efitsy anainy rey, sady ty efitsy misy ty rakotsy fanavota. ¹²Nameany androzy faritsy nanoviny sary ho ahy kianja ty tsano Yaveh rey, efitsy miodidy iaby rey, tsano fanajaria rey an-tsanon-janahary ao, sady fanajarian-drakitsy ho ahy raha ze an'Yaveh rey. ¹³Nanome androzy fitsipiky ho ahy fizara mpisoro noho Levita rey, ho ahy andraikitsy voatondro ho ahy ty fanompoa amy ty tsano i Yaveh ao rey, sady ho ahy raha iaby ho ahy ty fanompoa an' tsano Yaveh ao rey ie. ¹⁴Nanome azy ty lanja ty fanaky volamena iaby ho ahy ty fanompoa isan-karazany iaby sady ty fanaky volafoty iaby, ho ahy ty raha iaby ho ahy ty karazam-panompoa iaby. ¹⁵Sasan-tsasany rey ro namea tamy ty lanja, anay zay ty sasan-tsasany fananova jiro volamena noho jiro volamena rey, ty sasan-tsasany ty lanja ho ahy ty fananovan-jiro iaby. ho ahy jiro rey, ho ahy fananovan-jiro volafoty, sady ty sasan-tsasany ho ahy ty fampiasa manoka ty fananovan-jiro iaby. ¹⁶Nameany ho ahy latabatsy ty mofa ty famonjea rey, ho ahy ty latabatsy iaby ty lanja ty volamena, sady ty lanja ty volafoty ho ahy latabatsy volafoty rey. ¹⁷Nameany ho ahy sotso fihinanan-kena rey, koveta rey, sady kapoaky ty lanja ty volamena rey tsy miharo. Nameany ty lanja ty lovia volamena kirai-draiky, sady ty lanja ty lovia volafoty kirai-draiky. ¹⁸Nameany ho ahy ty alitara fandoro lintan-kazo manitsy ty lanja ty volamena malio, sady ty ahy ty volamena ho ahy ty sary ty Kerobima ze mamelatsy elatsiny rey ka le manaro ty fiondrana ty fanenkea i Yaveh. ¹⁹Hoasa Davida hozao: "Fa nanoviko an-tsoratsy iaby zay manahaky ty nanoroa Yaveh ahy noho nampahazoany ahy mikasiky ty sary. ²⁰Hoasa Davida tamy i Solomona anany hozao: "Mahereza sady Manàna herim-po. Anovo ty asa. Mba ka matahotsy na miahiahy, fa Yaveh Njanahary, Njanahariko, ro mitahy anao. Tsy hanenga anao Ie na hiala anao zisiky-havita ty asa iaby ho ahy ty fanompoa amy ty egilizy Yaveh ao. ²¹Ingo, ndreto fizara mpisoro noho Levita ret ho ahy ty fanompoa iaby an-degilizy Njanahary ao. Hiaraky aminao ndrozy, miarakany amy ty lahilahy manam-paniria noho tena mahay iaby, mba hanampy anao amy ty asa noho hanantanteraky ty fanompoa. Manam-boninahitsy noho ty olo lako iaby rey ro vonona ty hanarakany bekonao rey."

Chapter 29

¹Hoasa Davida Mpanjaka tamy ty egilizy iaby hozao: "Solomona anakilahiko, ze nitinginin-Janahary avao, ro mbo tanora noho tsy mana fahaiza, nefa lako ty asa. Fa egilizy ro tsy ho ahy ty olo lako fa ho ahy Yaveh Njanahary. ²Ka le fa nanao ze fara ty heriko zaho hanampea ty egilizy ty Njanahariko. Hanome volamena zaho ho ahy ze raha vità amy ty volamena, volafoty ho ahy ze raha vità amy ty volafoty, saba ho ahy ze raha vità amy ty saba, vy ho ahy ze raha vità amy ty vy, sady hazo ho ahy ze raha vità amy ty hazo. Hanome vato beryla avao koa zaho, vato hatsanga, vato ho ahy ty asa voapitiky loka lako ---karaza vato sarotsy iaby---sady marmora foty lako maré. ³Ingo, noho ty fankasitsahako ty tsano ty Njanahariko, ro hameako ho ahy zay ty volamena noho volafoty sarotsy hananako. Anoviko zao ho fanampea ze iaby fa nihomaniko ho ahy egilizy masy toy: ⁴talenta volamena baka Ofira telo arivo any, noho talenta volafoty malio fito arivo, mba hampipetsaha rindry fanamboara rey. ⁵Hanome volamena ho ahy ty raha ho vità amy ty volamena zaho, noho volafoty ho ahy ty raha ho vità amy ty volafoty, sady raha ho ahy ty harazan'asa iaby ze anovy mpanao asa tana rey. Ia avao koa ro tahandramby anjara ho an'Yaveh androany sady hanome-vata ho Azy?"⁶Sady fanomezana an-tsitsapo rey ro nanovy mpitariky rey ty longo ty razamben-drozy, mpitariky rey fokon'Israely, mpifehy an'arivony rey noho an-jatony, sady manam-boninahitsy rey amy ty asa ty mpanjaka eo. ⁷Nanome talenta dima arivo dariky volamena ray aly, manahaky volafoty ray aly, talenta vy 100. 000 ho ahy ty asa ty tsanon-Janahary ndrozy.⁸Ze nana vato sarotsy rey ro nanome zay tamy ty fipetsahan-drakitsy ty tsano Yaveh ao, tambany fanaraha-maso i Jehiela eo, tariha i Gersona. ⁹Nifalifaly ty olo lako noho fanomezana an-tsitsapo rey, safe nandramby anjara tamy ty fony iaby ho an'Yaveh ndrozy. Faly le faly avao koa i Davida Mpanjaka. ¹⁰Nisaotsy an'Yaveh tanila ty egilizy iaby eo i Davida. Hoy ie hozao: "Ho tompoy lahy Iha, Yaveh, Njanahary ty Israely razambey, mandrakizay doria. ¹¹Ahy nao, Yaveh, ty habey, ty fahefa, ty voninahitsy, ty fandreseha, sady ty famirapiratsy. Fa ze iaby amy ty lanitsy eny noho am-bony ty tany eo ro Ahy nao. Ahy nao ty fanjaka, Yaveh, asondroto ho mpanapaky amy ty raha-iaby eo Iha. ¹²Ty hanana noho ty voninahitsy ro samby baka aminao, sady manapaky amy ty olo iaby Iha. An-tananao eo ty fahefa noho ty hery. Hanananao ty tanjaky noho ty hery mba hahabey ty olo noho hanome tanjaky ty olo ndra ia ndra ia. ¹³Ka le amy zao, Njanaharinay, ro misaotsy Anao noho manompo ty anaranao bey voninahitsy zahay. ¹⁴Fa ia moa zaho, sady ia olo lakoko rey, ro tokony ho afaky hanome raha rey an-tsitsapo? Eka vatany, ty raha-iaby ro baka aminao, ka le nampolinay taminao moramora ze ahy nao. ¹⁵Fa vahiny noho mpandalo manahaky razambenay iaby rey zahay, anilanao eo. Ty andronay an-tany eto le manahaky ty aloky, sady tsy misy fanantena ty amy ty fijanona an-tany eto. ¹⁶Yaveh Njanaharinay, hanana iaby rey ze voaorinay mba hanangana egilizy hanomezam-boninahitsy ty anaranao masy--- le baka aminao sady Anao. ¹⁷Haiko avao koa, Njanahariko, fa mandiniky ty fo noho mankasitsaky ty fahitia Iha. Laha ty amiko, tamy ty fahitim-po ro fa nanomezako an-tsitsa-po raha iaby rey, sady amy zao manenty am- pifalefalea olo lakonao ze manatsiky an-tsitsa-po rey eto manome fanomezana ho ahy Nao zaho. ¹⁸Yaveh, azy Njanahary Abrahama iny, Isaka, sady Israely--- razambey--- apitiho mandrakizay an-tsainao noho eritseritsy olo lakonao ao zay. Tariho ty fon-drozy hitoliky aminao ¹⁹Ameo an'i Solomona anakilahiko ty fo atsiky faniria hiemby lilinao rey, lalà ty fanenkeanao rey, sady lalànao rey, mba hanantanterahà faniria iaby rey amy ty fanangana ty lapa ze fa nandesiko. ²⁰Hoasa Davida tamy ty egilizy iaby hozao: "Amy zao misaora an'Yaveh Njanaharinareo." Ty egilizy iaby, misaora an'Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy iny, nanondriky ty lohany ka le nanompo an'Yaveh sady nandohaliky taloha ty mpanjaka eo. ²¹Ty hamaray, le nanao soro ho an'Yaveh noho nanome fanomezana oroa ho Azy ndrozy. Nanome aomby arivo raiky, andro lahy arivo raiky, sady anak'aondry arivo raiky, niaraky tamy ty fanomezana inomy noho soro bey tena bey an'Israely ndrozy. ²²Tamy andro zay, le nihina noho nino tanila Yaveh tamy ty fankalaza bevata androzy. Nanovin-drozy mpanjaka fanindroeny ndraiky i Solomona, anaky i Davida, sady nanosotsy azy ho mpanapaky tamy ty alala ty fahefa Yaveh. Nanosotsy an'i Zadoka ho mpiasa avao koa ndrozy. ²³Sady Solomona nipetsaky tamy ty seza fipetsaha Yaveh eo ho mpanjaka hanolo an'i Davida babany. Nitahiny ie, sady ty Israely iaby nanenky azy. ²⁴Mpitariky iaby rey, maramila, sady anakilahy i Davida rey ro nanome fanenkea an'i Solomona Mpanjaka. ²⁵Namean'Yaveh voninahitsy tam-palehibey tanilan'Israely iaby eo i Solomona sady fahefa bevata noho ze fa nameany an'i mpanjaka talohany teo a-Israely ao. ²⁶Nanjaka tamy Israely iaby eo i Davida anakilahy i Jese. ²⁷Mpanjaka Israely anay ty efa-polo tao i Davida. Nanapaky an'i Hebrona anay ty fito tao sady Jerosalema anay ty telopolo telo amby tao ie. ²⁸Maty ie lafa tsatsy antitsy soa, lafa niay andro lava, tamy ty hanana noho voninahitsy. Nandimby azy i Solomona anany. ²⁹voasoratsy amy ty boky i Samoela mpaminany ao, amy ty boky i Natana mpaminany ao, amy ty boky i Gada mpaminany ao raha vita i Davida Mpanjaka rey. ³⁰Voapitiky ao asa ty fanapahany rey, rahavita rey noho raha-niboaky ze nikasiky azy rey, Israely, sady fanjaka ty tany hafa iaby rey.

2 Chronicles

Chapter 1

¹Solomona anakilahy i Davida, ro nitombo hery tamy ty fanjakany, sady Yaveh Njanahariny ro nitahy azy sady nahavy azy ho tena mahery.²Solomona nivola tamy Israely iaby, tamy mpifehy ty lahilahy arivo raiky rey noho ty lahilahy zato, noho tamy mpitsara rey, sady tamy ty mpanjaka lahilahy iaby iaby ta Israely ao iaby, mpitariky ty tsano-razambey rey. ³Ka le nandeha tamy ty fitoera abo eny ze ta Gibeona ao i Solomona noho ty mpivory iaby niaraky taminy, safe tany ro nisy ty tsano fitojeha amin-Janahary, ze namboary i Mosesy mpiasa i Yaveh, tan'efitsy any.⁴ Fa nandesy i Davida baka Kiriata Jearima any ho amy azy toera ze nihomany ho amy zay iny any ty fiondranan-Janahary, safe fa namboatsy lay ho ahy zay ta Jerosalema ao ie. ⁵Fanampy say, azy alitara saba nanovy i Bezalila anakilahy i Ori anakilahy i Hora iny ro fa taloha ty tabernakely Yaveh any; nandeha tany i Solomona noho ty fiangona.⁶Niakatsy tamy alitara saba iny aloha i Yaveh i Solomona any, ze tamy ty tsanolay fitojeha, sady nanome fanomezana oroa arivo raiky tamy zay eo. ⁷Njanahary niseho tamy i Solomona tamy haliky io sady nivola taminy hoe: "Angataho! Ino ro tokony ameko anao?"⁸Hoasa Solomona tamy Njanahary hozao: "Iha ro fa nampitoto famalozam-po bevata tamy i Davida babako, sady nanao ahy ho mpanjaka tamy ty toerany eo. ⁹Amy zao, Yaveh Njanahary e, enga nie mba ho tanterahy ty fampanantena nanovinao tamy i Davida babako, safe nanovinao mpanjaka ty olo lako hisaky manahaky ty lemboky tany zaho. ¹⁰Ka le ameo fahendrea noho fahaiza zaho, mba hafahako mitariky olo lako toy, safe ia ro afaky hitsara ty olo lakonao. ze tena lako hisaky?" ¹¹Hoasa Njanahary tamy Solomona hozao: "Safe tam-ponao tao zay, sady safe tsy nangataky jala noho hanana iha, ndra voninahitsy, ndra ty ay ze tsy tea anao rey, ndra mba ho ela velo iha, fa fahendrea noho fahaiza ho ahy ty vatanao manjaka amy ty olo lakoko, amy ze nanovako anao eo ho mpanjaka, sady zao ro hanoviko. ¹²Hameako fahendrea noho fahaiza iha henanikio. Hameako jala noho hanana, noho voninahitsy avao koa iha, zey tsy nana mpanjaka taloha rey teo, sady tsy hisy afaranao hanana." ¹³Ka le avy ta Jerosalema ao baka amy ty firenea abo ze ta Gibeona i Solomona ao, baka aloha ty tsano lay fitojeha eo; nanjaka nameno an'Israely ie. ¹⁴Nampivory Kelesa noho mpiondra sovaly rey i Solomona, sady nana kalesa 1. 400 noho mpiondra sovaly roa arivo noho ray aly ie ze napetsany tamy ty tanà fipetsaha kalesa rey ao, sady niaraky taminy, ty mpanjaka ta Jerosalema ao. ¹⁵Nanovy ty mpanjaka nitsobaky ta Jerosalema ao manahaky ty vato kelikely ty volafoty noho volamena, sady nanovy nitsobaky manahaky ty aviavy ze amy tany maiva rey eny ty hazo sedera. ¹⁶Manahaky ty fanafara sovaly rey baka Egipta any noho Kiho ho ahy i Solomona, ro nivily mpandrantonany rey baka Kiho rey any tamy ty viliny raiky rey. ¹⁷Nanafatsy kalesa baka Egipta any tamy ty sekely volafoty enin-jato ndrozy, sady sovaly tamy ty viliny sekely 150. Ndrozy avao koa ro nampiondra tany rey amy mpanjaka i Hetita rey noho Syria any rey.

Chapter 2

¹Sady Solomona ro nibeko ty fanamboara tsano ho amy ty anara Yaveh noho ty fanamboara lapa ho ahy ty mpanjakany. ²Nitondro lahilahy fito aly i Solomona mba handay enfa rey, noho lahilahy valo aly mba ho mpanapaky hazo tam-bohitsy any, sady lahilahy 3.600 mba hanaraky maso androzy. Nandefa hafatsy tamy i Hirama any, mpanjaka i Tyro i Solomona, nanao hozao: ³"Manahaky ze nanovinao tamy i Davida babako, ty nandefasanao hazo sedera mba hanamboara tsano hipetsaha, le nanova manahaky zay amiko.⁴Ingo, ampanamboara tsano eto ho amy ty anara Yaveh Njanahariko zaho, mba hanoka azy ho Azy, mba handoro lintan-kazo manitsy anilany eo, mba hampipetsaky ty mofo ty famonjea, sady ho ahy ty fanomeza oroa amy ty maray noho hariva, amy Sabata rey noho vola vaovao rey, sady amy fifalefalea voatondro ho an'Yaveh Njanaharintsika rey. Mandrakizay zay, ho an'Israely. ⁵Ho bey vatany ty tsano ze hamboariko, safe bevata ty Njanaharintsika mandilatsy ty njanahary iaby rey.⁶Fa ia anefa ro mahay mamboatsy tsano ho an-Janahary, laha tany iaby zao zisiky amy ty lanitsy aza tsy tenjiky Azy? Ia zaho ro hanamboatsy tsano ho Azy, fa tsy ty mandoro soro anilany eo? ⁷Laha zay aniraho lahilahy manam-pahaiza amy ty asa amy ty volamena, volafoty, saba, vy, noho voloparasy, sily, sady volon'aondry bolé zaho, sady lahilahy raiky mahay mamboatsy karazan-kazo voasokitsy rey iaby. Hiaraky amy ty lahilahy manam-pahaiza ze miaraky amiko -Joda any rey noho Jerosalema ie, ze namea i Davida babako.⁸Andeso sedera, Kypreso, sady kata almonga baka Libanona any avao koa zaho, safe haiko fa mpiasanao rey ro mahay ty fomba fanapaha kata a-Libanona any. Ingo, mpiasako rey ro hiaraky amy mpiasanao rey, ⁹mba hanoma kata lako ho ahy, safe ty tsano ze hamboariko ro ho bevata noho mahajilo. ¹⁰Ingo, zaho hanome an'i mpiasanao rey, le lahilahy ze napaky kata rey, vary tritika roa aly kora, vary hordea roa lay kora, divay roa aly bata, sady solo-bonio roa aly bata."¹¹Sady Hirama, mpanjaka i Tyro, namaly an-tsoratsy, ze nalefany tamy i Solomona any hozao: " Safe Yaveh tea ty olony, le nanao anao ho mpanjaka amin-drozy eo Ie." ¹²Fanampy zay, Hirama nivola hozao: "Isaora lahy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ze nanao ty lanitsy noho ty tany, ze nanome anakilahy hendry an'i Davida mpanjaka, namea tampitandrema noho fahazavan-tsay, ze hamboatsy tsano ho an'Yaveh, sady tsano ho ahy ty fanjakany.¹³Sady naniraky lahilahy manam-pahaiza zaho, names tampahazavan-tsay, le i Horama, azy haiko iny. ¹⁴Anakilahy ty ampela raiky rey anak'ampela i Dana ie. Lahilahy baka Tyro any ro babany. Manam-pahaiza amy ty asa amy ty volamena, volafoty, saba, vy, vato, noho amy ty hazo, noho amy ty voloparasy, bolé, sady jaky volon'aondry, noho rongony foty maliniky ie. Manam-pahaiza amy ty karaza sokitsy noho karaza famolavola avao koa ie. Engaho hisy toera ho azy amy mpiasanao eo manam-pahaiza rey, noho miaraky amy rey ahy ty tompoko, le i Davida, babanao.¹⁵Ka le amy zao, ty vary noho ty vary hordea, ty solo-bonio noho ty divay, ze niresahy ty tompoko, le engaho ho alefany amy mpiasany rey any. ¹⁶Hanapaky kata baka Libanona any zahay, lako manahaky ze ilanao. Halefanay mihafo amy ty riaky ho Jopa any aminao any zay, sady iha ro hampiakatsy zay any a Jersalema any." ¹⁷Nanisaky i vahiny iaby ze tamy ty tany Israely rey i Solomona, manahaky ty fomba nanisaky i Davida, babany, ndrozy. 153, 600 ro hisan-drozy. ¹⁸Nitondro fito aly tamin-drozy mba handay enta, valo aly mba ho mpanapaky kata am-bohitsy any, sady mpanara-maso 3. 600 mba hampiasa ty olo lako.

Chapter 3

¹Bakeo Solomona nanomboky nananga ty tsano Yaveh ta Jerosalema ao tamy ty vohitsy i Moria any, ze Nisehoa i Yaveh tamy i Davida babany. Nanoma toera ze fa nitinginy i Davida ho amy zay iny ie, tamy ty fandamina i Ornana azy Jebosita iny ao. ²Nanomboky namboatsy tamy ty andro faharoe ty vola faharoe ie, tamy ty faha efatsy tao nanjakany. ³Ndreto iaby ty refy ty fototsy ze nanovy i Solomona ho ahy ty tsanon-Janahary. Nampiasa ty hakiho taloha, enim-polo hakiho ty halavany, sady ropolo hakiho ty sakany. ⁴Ropolo hakiho ty halava ty lavaranga aloha ty tsano eo, mifanaraky amy ty sakany azy tsano iny. Ropolo hakiho avao koa ty hahabony, sady nipetaha i Solomona takela-bolamena malio ty tanainy ao. ⁵Niravahany kypreso ty valin-driha ty efitsano bevata, ze nipetaha takela-bolamena soa, sady nananovany sokitsy tamy ty hazo palma noho rojo. ⁶Niravahany tamy ty vato sarotsy azy tsano iny; azy takela-bolamena iny ro volamena baka Parvaima any. ⁷Nipetaha takela-bolamena avao koa panjakany rey, tokonam-baravara rey, rindry, sady varavara rey; nasiany sary Kerobima tamy rindry rey zay eo. ⁸Nanamboatsy ty fitoera masy bibiky ie. Ty halavany ro mifanaraky amy ty saka ty tsano, ropolo hakiho, sady ropolo hakiho avao koa ty sakany. Nipetahany takela-bolamena malio zay, ze talenta enim-jato. ⁹Ty lanja fantsiky rey le sekely volamena dimam-polo. Nipetahany takela-bolamena ty faritsy anabo. ¹⁰Namboatsy sary Kerobima roe tamy ty fitoera masy bibiky ao ie; nipetaha ty mpanao asa-tana takela-bolamena rey. ¹¹Ropolo hakiho ty halava ty elatsy ty Kerobima rey miaraky; limy hakiho ty halava ty efitsy ty Kerobima raiky, manakatsy ty rindry ty efitsano; limy hakiho manahaky zay avao koa ty elatsy raiky hafa, manakatsy ty elatsy azy Kerobima hafa. ¹²Limy hakiho avao koa ty hala ty elatsy azy Kerobima hafa, manakatsy ty rindry azy efitsano iny; limy hakiho avao koa ty elatsiny hafa, mikasiky ty elatsy azy Kerobima velohany iny. ¹³Ropolo hakiho tyfiharoa ty elatsy ty Kerobima rey. Nitsanga Kerobima rey, ty tarehin-drozy manandrify efitsano bevata rey. ¹⁴Nanoviny tamy ty bolé, voloparasy, noho volon'aondry mena sady rongony foty maliniky ty siky, sady nampipozeny Kerobima tamy zay eo. ¹⁵Nanao andry roe avao koa Solomona, telopolo hakiho ty hahabo ty kirai-draiky, taloha tsano iny eo; limy hakiho ty hahabo kapitaly rey ze tam-po rey eo. ¹⁶Nanao rojo ho ahy andry rey ie sady nampipetsaky rey tam-po rey eo; nanao ampongaben-danitsy zato avao koa ie sady nampifandray tamy rojo rey. ¹⁷Nanoviny taloha ty egilizy andry rey, ty raiky tan-kavana eo, sady ty raiky hafa tan-kavia eo; nikaihy hozao Jakina azy andry tan-kavana iny eo, sady Boaza azy andry tan-kavana eo.

Chapter 4

¹Ankoatsy zay le nanamboatsy alitara saba ie, ropolo hakiho ty halavany, sady ropolo hakiho ty sakany. Folo hakiho ty hahabony. ²Nanoviny vy avao koa ty miodidy ty tavin-drano, folo hakiho ty soniny. Limy hakiho ty hahabony, sady telopolo hakiho ty miodidy tavin-drano iny. ³Ty ambany ty sony azy tavin-drano miodidy iny le nisy aombilahy, folo isaky ty hakiho, naharo ho raiky miaraky amy ty tavin-drano lafa vita tavin-drano iny. ⁴Napetsaky tanabo ty aondry folo roamby eo ty tavin-drano, ty telo mitoliky manavaratsy, ty telo mitoliky manandrefa, ty telo mitoliky manantimo, sady ty telo mitoliky manantinana. Napetsaky tamy tsifa rey teo ty tavin-drano, sady nandehaila ty zorony efatsy ndrozy. ⁵Matevy manahaky ty volivoam-pelantana tavin-drano iny, sady ty soniny ro namboary manahaky ty sony kapoaky, manahaky ty vony ty lila. ⁶Mahalany rano telo arivo bata ty tavin-drano. Namboatsy koveta folo bevata ho fanasa raha avao koa ie; nasiany limy tan-kavana eo, sady limy tan-kavia eo; fitaova ampiasa amy ty fanantanteraha ty fanomezaka oroa ro nisasa tamy rey teo. Ty tavin-drano koa, mba hisasa mpisoro rey. ⁷Namboatsy fipetsahan-jiro volamena folo ze nanovy manahaky ty toromariky rey ho ahy ty sary ie; napetsany tan-degilizy ao rey, limy tamy ty an-kavana eo, sady limy tamy ty an-kavana eo. ⁸Namboatsy latabatsy folo ie ka le napetsany tan-degilizy ao rey, limy tamy ty an-kavana eo, sady limy tamy ty an-kavana eo. Namboatsy koveta volamena zato ie. ⁹Fanampy zay le namboatsy kianja ty mpisoro noho kianja bevata, sady varavara ty kianja ie; nipetahany saba varavara rey. ¹⁰Napetsakiny tamy ty ilany an-kavana ty tsano eo, tan-tinana any, mitoliky manantimo azy tavin-drano iny. ¹¹Nanamboatsy valany, lapely fandraofa, sady lovia fananina i Hirma. Ka le vita i Hirima ty asa ze nanovy ho ahy i Solomona Mpanjaka tan-tsanon-Janahary ao: ¹²le andry roe rey, kapitaly boribory ze tan-abo ty andry roe eo, sady fipetsaha ty pozy makarakara roe mba hampisarona kapitaly boribory roe rey ze tan-abo andry rey. ¹³Fa namboatsy ampongaben-danitsy efa-jato ho ahy pozy makarakara rey ie: ampongaben-danitsy roe andala isaky ty fitoera ty makarakara iaby mba hampisarona ty kapitaly boribory roe ze tamy andry rey eo. ¹⁴Nanamboatsy tsanga noho koveta nanovy tanabo tsanga iny eo avao koa ie; ¹⁵tavin-drano raiky noho aomby folo roa amby tambaniny eo, ¹⁶valany rey, lapely fandraofa, fitsebiky, sady fitaova hafa iaby avao koa. Nanovy i Hirama azy mahay tamy ty saba malio iny, ho ahy i Solomona Mpanjaka, ho ahy ty tsano Yaveh rey. ¹⁷Narondriky ty mpanjaka tamy ty fotaky eo ty Jordana rey, tamy ty tanimanga anivo i Sokota noho Zaretana eo. ¹⁸Le manahaky zay, ro nanamboara i Solomona fanaky iaby lako maré rey; tsy afaky nampahaizy vatany ty lanja ty saba. ¹⁹Nanamboatsy ty enta iaby ze tan-tsanon-Janahary ao i Solomona, ty alitara volamena avao koa, sady latabatsy ze nametsaha ty mofo ty famonjea rey; ²⁰ty fipetsahan-jiro mbamy ty jirony rey, ze voatoka ho oroa aloha ty efitsy rey anainy eo---rey ro vita tamy ty volamena malio; ²¹sady voninkazo rey, jiro rey, sady ty lelan-jiro, ro volamena, volamena malio. ²²Ty fanapahan-jiro, ty koveta, ty sotro, sady lintan-kazo manitsy fandroa avao koa ro vita tamy ty volamena malio iaby. Ty amy ty fidara mana an-tsano ao, varavara anainy mana amy ty toera masy bibiky rey ao sady ty varavara ty tsano, ze, ahy ty egilizy, le vita tamy ty volamena.

Chapter 5

¹Lafa vita ty asa iaby ze nanovy i Solomona ho ahy ty tsano Yaveh, le nampiliry i Solomona ze raha fa natoka i Davida, babany, ho ahy iriny zay, anay zay ty volafoty, ty volamena, sady fanaky iaby rey---napetsakiny tamy ty fanajaria ao tan-tsanon-Janahary ao rey.²Le nampivorý i Solomona, ta Jerosalema any, olo-bey Israely rey, mpitariky ty foko iaby rey, sady mpitariky ty longo ty olo lakon'Israely rey, mba hampiakatsy ty fiondrana ty fanenkea Yaveh baka amy ty tanà i Davida ao, ze i Ziona. ³Nivory taloha ty mpanjaka eo tamy ty andro fifalefalea, ze tamy ty vola fahafito ty olon'Israely iaby.⁴Avy ty olo-ben'Israely iaby, ka le nampiakatsy ty fiondrana Levita rey.⁵Nampiakarin-drozy ty fiondrana, ty tsanolay fitojeha, sady ty fanaky masy iaby ze tan-day ao. mpisoro ze baka amy ty foko i Levy rey ro nampiakatsy raha rey. ⁶Niaraky niavy taloha azy fiondrana iny eo i Solomona Mpanjaka noho ty egilizin'Israely iaby, nanao soro aondry noho aomby ze tsy hay hisahy.⁷Mpisoro rey ro nampiakatsy ty fiondrana ty fanenkea Yaveh ho amy ty fipetrahany eo, tamy ty efitsy anay tsano ao, tamy ty toera masy bibiky ao, ambany elatsy ty Kerobima. ⁸Safe ty kerobima ro namelatsy ty elatsin-drozy amy ty fipetsaha ty fiondrana eo, ka le nampisaro azy fiondra noho bao rey iny ze hilanjà rey zay.⁹Bao rey le lava vatany ka le hita baka amy ty fipetsaha masy ao aloha ty efitsy anainy fiondrana rey, fe tsy hita baka ambaliky any zay. Ao zisiky androany rey.¹⁰Tsy nisy ndra ino ndra ino tamy ty fiondrana hafa-tsy vato pisaky roe ze napetsaky i Mosesy rey ao ta Horeba any, tamy Yaveh nanao fanenkea tamy ty olo lakon'Israely, lafa niboaky Egypta any ndrozy.¹¹Sady niboaky tamy ty fitoera masy ao mpisoro rey. Mpisoro rey iaby niavy le nanokam-bata ho ahy Yaveh, tsy nandahan-tena manahaky ty fizaran-drozy. ¹²Levita ze mpihira rey avao koa, ndrozy iaby, anay zay i Asafa, Hemana, Jedotona, sady anakilahy rey noho rahalahin-drozy, nisiky rongony foty maliniky sady nititiky kipantso, harpa, noho lokanga, le nitsanga tamy ty farany antinana ty alitara eo. Nisy mpisoro 120 notsoky trompetra niaraky tamin-drozy. ¹³Sady nampiara-peo mpitsoky trompetra noho mpihira rey, manao feo toka mba ho ré ho fanompoa noho fisaora an'Yaveh. Nanondrotsy ty feony tamy ty trompetra noho kipantso sady raha-maneno hafa ndrozy, ka le nanompo an'Yaveh. Nihira ndrozy hozao: "Fa soa Ie, safe ela zisiky farany ty tsy fivaliham-panekeany." Sady ty tsano, azy tsano Yaveh iny, le atsiky raho. ¹⁴Tsy afaky nitsanga mba hanompo mpisoro rey noho ty raho, safe nanatsiky ty tsanony ty voninahitsy Yaveh.

Chapter 6

¹Le hoasa Solomona hozao: "Nambara Yaveh fa hipetsaky anay haiky ao Ie, ²nefa fa namboatsy tsano soa tarehy ho ahy Nao zaho, le toera hipetsahanao zisiky farany." ³Le niodiky ty mpanjaka sady nitsi-pirano ty egilizin'Israely iaby, laha mbo tam-pitsangana eo ty egilizin'Israely iaby.⁴Hoy ie hozao: "Ho tompoe lahy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ze nivola tamy i Davida babako, sady nahavita zay tamy ty tanany avao, nanao hozao: ⁵Zisiky amy ty andro nandaisako ty olo lakoko niboaky baka amy ty tany Egypta ao, le tsy nitingy tanà tamy ty fokon'Isarely iaby eo mba hanamboara tsano Zaho, mba hipetsaha ty anarako ao. Sady tsy mba nitingy olo ho mpanjaka amy Israely eo ty oloko Zaho. ⁶Nefa, nitingy an'i Jerosalema Zaho, mba hipetsaha ty anarako ao, sady nitingy an'i Davida Zaho mba hapaky amy Israely eo ty oloko." ⁷Sady tam-po i Davida babako ao ty hamboara tsano ho ahy ty anara Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny. ⁸Fa hoasa Yaveh tajy i Davida babako hozao: 'Fa nanovinao tam-ponao ao ty hamboatsy tsano ho ahy ty anarako, le soa ty nanovinao zay tam-ponao ao. ⁹Ndra zay aza, ty anakilahinao, ze ho teraky baka amy ty voanao, ro hamboatsy tsano ho ahy ty anarako iny.¹⁰Nitanteraha Yaveh ty safa ze fa nivolaniny, safe nitsanga hanolo ty pilasy i Davida nanako zaho, ka le mipetsaky amy ty seza fipetsahan'Israely eo, manahaky ty nampanantena i Yaveh. Naoriko ho ahy ty anara Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny ty tsano. ¹¹Napetsako ao fiondrana, ze misy ty fanenkea Yaveh iny, ze nanoviny tamy ty olo lakon'Israely. ¹²Nitsanga taloha ty alitara Yaveh eo i Solomona tamy ty famonjea ty egilizin'Israely iaby eo, sady namelatsy ty tanany. ¹³Fa namboatsy sehaty saba ie, ze limy hakiho ty halavany, limy hakiho ty velarany, sady telo hakiho ty hahabony. Napetsakiny tanivo ty kianja eo zay. Nitsanga tanabo zay eo ie sady nandohaliky tanila ty egilizin'Israely eo iaby, sady bake namelatsy ty tanany nana amy ty lanitsy any ie.¹⁴Hoy ie hozao: "Yaveh e, Njanaharin'Israely, tsy misy Njanahary manahaky Anao na an-danitsy any na an-tany eto, ze mitanjaky fanenkea noho fitiava tsy mivaliky amy mpiasanao ze mandeha anilanao eo rey amy ty fony iaby; ¹⁵Iha ze fa nitanjaky ze nampanantenanao tamy i Davida babako mpiasanao. Eka, nivola tamy ty vavanao Iha sady nitanterahanao tamy ty tananao zay, zisiky amy ty androny.¹⁶Sady amy zao, Yaveh e, Njanaharin'Israely, tanteraho ze nampanantenanao tamy i Davida babako mpiasanao, lafa nivola Iha hozao: 'Tsy ho rava aminao ty hanao olo hipetsaky amy ty seza fipetsahan'Israely eo tamasoko eo, laha hohatsy ka le miemby ty nandehananao tanilako eo.' Sady amy zao, ¹⁷Njanaharin'Israely e, mivavaky zaho mba ho tanteraky ty fampanantena nanovinao tamy Davida mpiasanao¹⁸Fa tena hohany an-tany eto miaraky amy ty anak'olombelo vatany va Njanahary? Ingo, tany iaby toy noho ty lanitsy aza tsy ampy Anao ---vo maiky fa egilizy ze namboariko toy! ¹⁹Kanefa mba janjino lahy vavaky toy ty mpiasanao noho ty fangatahany toy, Yaveh Njanahariko e, mba janjino ty fangatahako noho ty vavaky anovy ty mpiasanao anilanao etoa. ²⁰Enganie ka le hivoha amy egilizy toy andro noho ty haly ty masonao, le azy toera ze nampanantenanao iny hampipetsaha ty anaranao. Hijanjy ty vavaky anovy ty mpiasanao manatsiky toera toy lahy Iha. ²¹Ke le janjino ty fangataha ty mpiasanao noho ty Israely olonao lafa mivavaky manatsiky toera toy zahay. eka, mijanjina baka amy ty toera hipetsahanao any, baka an-danitsy any; sady lafa mijanjy Iha, le manengà. ²²Laha manota amy ty namany ty olo raiky ka le tsy maintsy hampananovy fiania, sady laha avy ie ka le manao fiania anila ty alitaranao eo amy tsano toy ao, ²³le mijanjina baka an-danitsy any ka le miasà sady tsarao mpiasanao rey, mba hamaly ty raty fanahy, mba hampimpoly ze nanoviny ho amy ty lohany eo avao. Ambarao ho tsy manan-tsiny ty maray, mba hamalia soa azy noho ty fahamarinany.²⁴Lafa resy ty fahavalo ty Israely olo safe nanota taminao, ka le laha mimpoly aminao ndrozy, manenky ty anaranao, mivavaky, sady mangataha fa afaky baka aminao amy egilizy toy ato--- ²⁵le mijanjina baka an-danitsy any lahy sady manengà ty fahotan'Israely olonao; andeso mimpoly amy ty tany any ze nameanao androzy noho ty razambeny ndrozy.²⁶Laha mihily ty lanitsy ka le tsy misy ora safe manota taminao ty olo lako---laha mivavaky manatsiky toera toy rozy, manenky ty anaranao, sady miala amy ty fahotany lafa baka nampijalinao--- ²⁷le mijanjy an-danitsy any sady manengà ty fahota ty mpiasanao noho ty Israely olonao, lafa mampianatsy androzy ty lala soa ze tokony handehanany Iha. Fandatsaha ora amy ty taninao eo, ze nameanao ho lova ty olonao.²⁸Laha anovy hoe misy mosary amy ty tany eo, na anovy hoe misy arety-mandrava, fahamaiky ty vary na maty foty, galala na sompanga; na anovy hoe manafiky ty vavahady ty tanà amy ty tanin-drozy ao ty fahavalony, na misy arety-mandrava na faharary--- ²⁹sady laha anovy ndraiky hoe misy vavaky noho fangataha nanovy ty olo raiky na ty Israely olo lakonao iaby--- ze samby mahay ty arety noho ty alahelo am-pony any iaby laha mamelatsy ty tanany ho amy egilizy toy ie. ³⁰Le mijanjy an-danitsy any, azy toera hipetsabanao iny; manengà, sady valio soa ty olo iaby noho ty lalany iaby; Iha mahay ty fony, safe Iha le Ina avao ro mahay ty fon'olombelo. ³¹Anovo zay mba hatahoran-drozy Anao, mba handehananao-drozy amy ty lalanao amy ty andro iaby iainan-drozy amy azy tany ze nameanao razamenay ao iny. ³²Ty amy vahiny ze tsy hisaky Israely olo rey, fe---noho ty anaranao bevata, ty tananao mahery, sady ty sandrinao mitsotra---le avy noho mivavaky manatsiky tsano toy, ³³le mijanjina lahy an-danitsy any, ze

toera hipetsahanao, sady anovo ze iaby angatahy azy vahiny aminao iny, mba hahaiza ty olo iaby an-tany eto ty anaranao ka le hatahora ndrozy Anao, manahaky ty anovy Israely olonao manoka, sady mba hahaizan-drozy fa tsano ze namboariko toy le kaihy amy ty anaranao.³⁴Laha anovy hozao mandeha miboaky hialy amy ty fahavalon-drozy ty olonao, ndra ino ndra ino fomba nandefasanao androzy, sady laha mivavaky aminao manatsiky tanà ze voatinginao toy ndrozy, sady manatsiky ty tsano ze namboariko ho ahy ty anaranao.³⁵Le mijanjina ty vavaky, noho ty fangatahan-drozy baka an-danitsy any, sady ameo rariny ndrozy.³⁶Laha anovy hoe manota aminao ndrozy—safectsy misy olo tsy manota—sady laha anovy hoe heloky amin-drozy Iha ka le manome androzy ho amy ty fahavalo eo, mba handay ty fahavalo androzy noho hangalaky androzy ho gadra amy ty tanin-drozy any, na lavitsy na mariny.³⁷Sady laha anovy hoe tiaron-drozy fa amy ty tany ze nananova sesin-tany azy any rozy, sady laha anovy hoe mibebaky rozy ka le mila sitsaky aminao amy ty tany nahagadra androzy any. Laha mivola ndrozy hozao: 'Nanao raha tsy nety zahay sady nanota. Raty fandaisam-bata zahay.'

³⁸Laha anovy hoe mimpoly aminao amy ty fony iaby noho ty fanahiny iaby amy tany ty fahagadra iny any ndrozy, ze nandaisany androzy ho gadra, sady laha anovy hoe mivavaky amy ty taniny ndrozy, le ze nameanao ho ahy ty razamben-drozy, noho manandrify ty tanà ze nitingininao, sady manandrify azy tsano ze naoriky ho ahy ty anaranao iny.³⁹Le janjino baka an-danitsy any, azy toera hipetsahany iny, ty vavakin-drozy noho ty fangatahan-drozy famonjea, sady amea ty rariny ndrozy. Mamela ty olonao, ze nanota taminao.⁴⁰Amy zao, Njanahariko, mangataky aminao zaho, engaho ty masonao, sady engaho aminao zaho, engaho hivoaha ty masona, sady engaho ty sofinao hijanjy ty vavaky ze anovy amy tsano toy eto toera toy.⁴¹Amy zao sady mitsangà, Yaveh Njanahary, amy ty toera fiangonanao eo, Iha noho ty fiondrana ty tanjakinao. Engaho ty mpisoronao, Yaveh Njanahary, mba hisiky famonjea, sady engaho olo-masinao rey hifaly amy ty hasoanao.⁴²Yaveh Njanahary e, mba ka mampiodiky ty tarehy azy voahosotsy hiala aminao iny. Tiarovo asa ty tsy fivaliham-panenkea ho ahy i Davida iny, mpanomponao."

Chapter 7

¹Sady lafa baka nivavaky Solomona, le nisy afo nijotso baka an-danitsy any sady nandrava fanomeza oroa rey noho soro rey, sady nanatsiky ty tsano ty voninahitsy Yaveh. ²Tsy afaky nilitsy tan-tsano Yaveh ao mpisoro rey, safe atsiky ty voninahitsy ty tsanony. ³Nanenty iaby ty olo lakon'Israely lafa nilatsaky ty afo sady tamy azy tsano iny eo ro voninahitsy Yaveh. Nampandohaliky ty tarehiny tamy ty tany tamy ty rarivato eo ndrozy, nivavaky, sady nanatsiky fisaora an'Yaveh. Hoasa ndrozy hozao: "Fa soa Ie, fa ela zisiky farany ty famalozam-pony." ⁴Ka le nanome soro ho ahy Yaveh ty mpanjaka noho ty olo lako iaby. ⁵Nanome soro aomby roa arivo noho roa aly noho aondry noho aosy 120.000 i Solomona Mpanjaka. Ka le nitokana ty mpanjaka noho ty olo lako iaby ty tsano Yaveh. ⁶Nitsanga mpisoro rey, nitsanga tamy ze nanompoany eny iaby ty kirai-draiky; Levita rey avao koa niaraky tamy raha-maneno Yaveh rey, ze nanovy i Davida mpanjaka mba hanomeza fisaora an'Yaveh tamy ty hira manao hozao ao: "Fa ela zisiky farany ty fanenkeany matoky." Nampaneno ty trompetrany tanilan-drozy eo iaby mpisoro iaby rey, sady nitsanga iaby ty Israely iaby. ⁷Nanoka y anivo ty kianja taloha ty tsano i Yaveh eo i Solomona. Teo ro nanomeza fanome oroa iny noho azy tany ty fanomezam-pilongoa iny, safe ty alitara saba ze nanoviny ro tsy hay hitanjaha ty fanomeza oroa, sady fanomeza hohany, sady ty sabora. ⁸Nanovy i Solomona tanay ty herin'andro ty fifalefalea tamy fotoa zay, sady ty Israely iaby niaraky taminy, ro egilizy bevata bibiky, zisiky a-Lebo Hamata any ka le zisiky amy ty loham-baibon-driaky i Egipta any. ⁹Tamy ty andro fahavalo ro nanao fivavaha mihetsiketsiky ndrozy, safe nitanjaky ty fanokana ty alitara, noho ty fifalefalea tanay ty herin'andro ndrozy. ¹⁰Tamy ty andro faha ropolotelo amby vola fahafito, le nampoly ty olo lako tamy ty tsanony any tam-pifalea noho tamy ty fo falifaly i Yaveh tamy i Davida, Solomona, sady ty Israely olony. ¹¹Manahaky zay ro navità i Solomona ty tsano i Yaveh noho ty tsanony manoka. Ty raha iaby ze baka amy ty fo i Solomona mba hanovy an-tsano Yaveh ao noho an-tsanony ao, le nitanterahany soa bibiky. ¹²Niboaky tamy i Solomona Yaveh lafa avy ty haly sady nivola taminy hozao: "Fa reko ty vavakinao, sady fa nitingy toera toy ho ahy ty vatako ho tsano ty soro Zaho. ¹³15 Laha anovy hoe manily lanitsy rey mba tsy hisia ty ora Zaho, na laha mibeko galala rey handrava ty tany, na laha mandefa arety amy ty oloko eo Zaho, ¹⁴sady laha ty oloko, ze kaihy amy ty anarako, ro hampijotso ty vatany, noho hivavaky, noho hila ty tarehiko, sady hiala amy ty fomba ratin-drozy, le haharé an-danitsy any zaho, hanenga ty fahotan-drozy, sady hanafaky ty taniny. ¹⁵Amy zao le hivoha ty masoko sady ty sofiko hijandry soa ty vavaky ze anovy amy toera toy eto. ¹⁶Fa amy zao le nitingy noho nanoka tsano toy zaho mba ho eo zisiky farany ty anarako. Ty masoko noho ty foko ro ho eo isan'andro. ¹⁷Laha ty aminao, laha ty mandeha anilako eo manahaky ty nandehana i Davida babanao iha, manenky ze iaby nibekoako anao sady miemby lily noho ty lalako rey, ¹⁸le hampipetsaky ty seza fipetsaha ty fanjakanao zaho, manahaky ty nivolaniko tamy ty fanenkea ao ty raiky tamy Davida babanao, lafa nivola Zaho hozao: 'Tsy ho rava amy ty tarihanao ty ho mpanapaky amy Israely eo.' ¹⁹Fa laha mivaliky iha, ka le mahafoy lalako rey noho liliko ze napetsako talohanao rey eo, sady laha manompo njanaharin-kafa noho mandohaliky amin-drozy rey eo iha, ²⁰le hombotako hiala tamy ty taniko ze nameako androzy rey. Tsano ze natokako ho amy ty anarako toy, le hariako tsy ho anilako eto, sady hanoviko ho ohabola noho sangisangy amy olo iaby rey eo zay. ²¹Ndra ro fa soa trehyvatany aza egilizy toy zay, le heloky noho hitimoky ze iaby manavasava zay. Hanontany ndrozy hoezao: 'Nanino Yaveh ro nanao zao tamy tany toy noho tamy tsano toy?' ²²Ty hafa hamaly hozao: 'Safe ndrozy nahafoy an'Yaveh, Njanaharin-drozy, ze nanday ty razamben-drozy hiala baka amy ty tany Egipta, sady nitanjaky njanahary hafa rey noho nandohaliky tamin-drozy noho nanompo androzy. Zay ro dikany nandaisa i Yaveh loza iaby zao amin-drozy eo.'"

Chapter 8

¹Lafa afaky ropolo tao, tanay ty nanamboara i Solomona ty tsano Yaveh noho ty tsanony manoka,² le namboary i Solomona ndraiky tanà ze namea i Hiram azy rey, sady nengany tao ty olo lakon'Israely.³ Nanafaky an'i Hamata-zoba i Solomona sady nandresy azy.⁴ Sady ie nampitsanga an'i Tadmora tambaliky any, noho tanà fanajaria iaby, ze namboary ta Hamata ao rey.⁵ Nampitsanga an'i Beti-horona Anabo, noho Beti-horona Ambany, tanà voaaro amy ty vala, noho vavahady, sady vala vy avao koa ie. ⁶Nampitsanga an'i Betela noho tanà fanajaria iaby ze rey nananany ie, noho ty tanà iaby ho ahy kalesany noho ty tanà ho ahy mpiondra-sovaliny rey, noho ze iaby niriny hatsanga manahaky ze teany ta Jerosalema ao, ta Libanona ao, noho tany tany iaby ambany fanajariany rey. ⁷Sady olo iaby ze sisa tavela rey baka amy ty Hetita, ty Amorita, ty Perizita, ty Hivita, noho ty Jebosita, ze tsy an'Israely, ⁸tarihany sisa tavela tafaran-drozy rey tany ty tany, ze tsy narava ty olo lakon'Israely— le nanovy i Solomona mpiasa forosé, zay ndrozy zisiky amy zao.⁹ Ndra zay aza, tsy nanovy i Solomona ho mpiasa forosé ty olo lakon'Israely. Fa koa, lasa maramilany, noho mpifehiny, manam-pahefany, sady mpifehy ty tafiky ty kalesany noho ty mpiondra-sovaliny ndrozy. ¹⁰Rey avao koa ro manam-pahefa bevata mpanao mpanaramaso ze ahy Solomona Mpanjaka rey, 250 tamin-drozy, ro nanara-maso ty olo lako ze nanao ty asa.¹¹ Nandesy i Solomona niboaky ty tanà i Davida ho amy ty tsano ze namboariny ho azy any ty anak'ampela i Farao, fa hoy ie hozao: "Tsy mahazo mipetsaky an-tsano i Davida mpanjakan'Israely ao ty valiko, safe ndra aia ndra aia niavia ty fiondrana Yaveh le masy."¹² Bakeo Solomona nanome fanomeza oroa ho an'Yaveh tany ty alitarany eo ze namboary taloha ty lavaranga eo. ¹³Nanome soro manahaky ze nitake ty fanovy isan'andro ie; nanome rey ie, nanoriky torolala hita tanay ty lily i Mosesy rey, tany ty andro Sabata, ty vola vaovao, noho tany ty andro fifalefalea voatondro in-telo isan-tao: le ty andro Fifalefalea amy ty Mofo tsy Masira, ty Herinandro Fifalefalea, sady ty andro Fifalefalea ty Fialofa.¹⁴ Tany fitandrema lalà i Davida babany rey, ro nanondroa i Solomona mpisoro rey ho amy ty asany, sady Levita rey ho amy ty fitoerany, mba hidera an-Janahary noho hanompo aloha mpisoro eo, manahaky ze take ty fanovy isan'andro. Sady nitingy mpiemby vavahady rey tany ty fizaràny isaky ty vavahady iaby avao koa ie, fa zay ro fa nibekoa i Davida, azy lahilahy Njanahary iny. ¹⁵Sady olo lako rey ro tsy mba nivily tany lily ty mpanjaka tany mpisoro rey noho Levita rey na tany ino na tany ino, na mikasiky tsano fanajaria rey.¹⁶ Asa iaby nampananovy i Solomona rey ro mty iaby, zisiky amy ty andro namboara ty fanambania ty tsano i Yaveh ka le zisiky mahavita zay. Vita ty tsano i Yaveh. ¹⁷Bakeo Solomona nana Eziona-gebera any noho Elota, amoron-driaky ty tany Edoma any. ¹⁸Sady nandefasa i Hiram sambo nandesy manam-pahefa ze tan-tsambo nana fahaiza ie. Niantsambo niaraky tany mpiasa i Solomona ho Ofira any ndrozy. Nangalaky talenta volamena 450 Baka any ndrozy ze nandesiny tany i Solomona Mpanjaka any.

Chapter 9

¹Lafa naharé ty Laza i Solomona ty mpanjaka ampela i Sgeba, le nana Jerosalema any ie mba hitsapa azy amy ty fanontanea sarotsy. Nandeha niarakany tany ty mpanao rodobe lava le lava, noho rameva nampilanja raha-manitsy, volamena lako maré, sady amy i Solomona ie, le namboariny taminy iaby ze iaby tam-pony ao. ²Nivalea i Solomona iaby fanontaneany iaby rey; tsy le nisy sarotsy maré ho an'i Solomona; tsy nisy fanontanea ze tsy voaliny. ³Lafa hita ty mpanjaka ampela ty fahendrea i Solomona noho ty lapa ze fa namboariny, ⁴ty hany tanabo latabatsiny eo, ty fipetsaha mpiasany rey, ty asa mpiasany rey sady ty fisikinan-drozy rey, mpanday kapoakiny rey noho fisikiny rey avao koa, sady ty fomba ze nanomezany ty fanomeza oroa tan-tsano Yaveh ao, ke tsy nisy fanahy sasy taminy ao. ⁵Le hoy ie tany ty mpanjaka hozao: "Marina vatany, ty tatitsy ze reko tany ty taniko any mikasiky ty safanao rey noho ty fahendrenao. ⁶Tsy nanenky ze reko zaho nanomboky ty niaviako teto, sady amy zao le hita ty masoko zay. Tsy antsasakiny avao ro nivolany tamiko mikasiky ty fahendrenao noho ty hanananao! Nandikanao ty laza ze reko. ⁷Hentao sambatsy ty olo lakona, sady sambatsy mpiasanao ze tanilanao reh avao, safe naharé ty fahendrenao ndrozy. ⁸Isaora lahy Yaveh Njanaharinao, ze faly nandramby anao, ÷ nampipetsaky anao tany ty seza fipetrahany, mba ho mpanjaka ho an'Yaveh Njanaharinao. Safe ty Njanaharinao fa nitea an'Israely, mba hampipetsaky androzy zisiky farany, le nanoviny ho mpanjaka tamin-drozy eo iha, mba hananovanao ty rariny noho fahamarina!" ⁹Nameany talenta volamena 120 ty mpanjaka sady raha-manitsy noho vato sarotsy lako. Tsy nisy fakarazan-jaha-manitsy zoo noho ze namea ty mpanjaka ampela i Seba ho ahy i Solomona Mpanjaka mbo namea ho anazy ndraiky rey. ¹⁰Mpiasa i Harama rey noho mpiasa i Solomona, ze nanday volamena baka Ofira any rey, le nanday hazo almoga noho vato sarotsy avao koa. ¹¹Tany ty hazo almoga, le nanao dinga ho ahy ty tsanon-Janahary noho ty tsanony ty mpanjaka, sady koa harpa noho lokanga ho ahy ty mpititiky rey. Tsy mbo nisy hazo manahaky zay ka le hita tany ty Joda any taloha any. ¹²Le namea i Solomona Mpanjaka raha ze niriny rey ty mpanjaka ampela i Sheba, ndra ino ndra ino nangatahiny, ho fanampea ze fa nandesiny tany ty mpanjaka. ka le lasa ie sady nimpoly tany ty taniny any, ie noho mpiasany rey! ¹³Sady ty lanjambolamena avy tany i Solomona any tanay ty herintao ao ro falentavvolamena 666, ¹⁴mandilatsy ty volamena ze nandesy mpiserasera rey noho mpandranto rey. Mpanjaka i Arabia iaby rey noho governora tany ty firenea ao rey avao koa le nanday volamena noho volafoty ho ahy i Solomona. ¹⁵Namboatsy fiaro volamena vita soa bevata roanjato i Solomona Mpanjaka. Sekely volamena eninjato namea ho ahy ty kirai-draiky. ¹⁶Namboatsy fiaro volamena vita soa telon-jato avao koa ie. Mina volamena telo ro nanariny ty fiaro kirai-draiky; napetsaky ty mpanjaka tany ty Lapa ty Ala i Libanona ao rey. ¹⁷keo ty mpanjaka namboatsy seza fipetsaha vaovao bevata sady nipetahany tajela-bolamena tena matify bibiky zay. ¹⁸Dinga eny ro nandeha tany ty seza fipetsaha eo, sady boribory ty tafara ty farany anabo ty seza fipetsaha ao. Nisy fitehafa-tana tany ty andany fy fipetsaha kirai-draiky eo, sady nisy liona roe nitsanga tany ty andany ty fitehafa-tana rey eo. ¹⁹Liona folo roa amby ro nitsanga tany dinga rey eo, raiky isaky ty andany ty isaky ty dinga eny. Tsy mbo nisy seza fipetsaha manahaky ty tany amy ty fanjakà hafa. ²⁰Volamena iaby kapoaky finoma i Solomona Mpanjaka rey, sady ty kapoaky finoma iaby tany ty tsano ty Ala i Libanona ao le volamena tsy miharo iaby. Tsy nisy volafoty safe tsy nidinihy ho sarotsy ty volafoty tany ty andro i Solomona. ²¹Ty mpanjaka ro nana sambo mpandeha an-driaky, niarakany tany sambo i Hiram rey. Indraiky isaky ty telo fao avao ro nandaisa ty sambo volamena, volafoty, sady vaovao, mbamy rajako noho gidro rey. ²²Laha zay le nandilatsy ty mpanjaka iaby rey araky ty tany iaby toy tany ty hanana noho fahendrea i Solomona Mpanjaka. ²³Tany iaby toy ro nila ty famonjea i Solomona mba haharé ty fahendreny, ze fa napetsaky Njanahary tam-pony tao. ²⁴Ze namonjy rey ro nanday rakitsy, fanaky volafoty noho volamena, fisikina, fiarova, sady raha-manitsy, sady sovaly noho apondra, isan-tao. ²⁵Nana fihinanam-biby efatsy arivo ho ahy sovaly rey noho kalesa rey i Solomona, sady mpiondra sovaly roa arivo noho ray aly, ze napetsakiny tany ty tanà ao ty kalesa noho niarakany taminy fa Jerosalema any. ²⁶Nanapaky tany mpanjaka iaby rey zisiky amy ty Ony Eofrata any ka le zisiky amy ty tany ty Filistina ie, sady zisiky amy ty sisin-tany i Egipta any. ²⁷Nana volafoty ta Jerosalema any ty mpanjaka, lako noho vatosoa tany ty tany teny. Nanamboatsy hazo sedera noho hazo amontana aviavy ze tany ty tany mando any ao rey ie. ²⁸Nanday sovaly ho ahy Solomona baka Egipta any noho baka amy ty tany iaby any ndrozy. ²⁹Ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Solomona, velohany sady farany, tsy fa voasoratsy tany ty Tantara i Natana mpaminany ao, tany ty Faminania i Ahija azy Silonita iny, noho tany ty Fahitan'Ido ao mpahita mikasiky an'i Jeroboama anakilahy i Nebata va zay? ³⁰Nanjaka tany Israely iaby eo anay ty efaolo tao i Solomona. ³¹Nimaty niarakany tany razambey ie sady ty olo lako nandevy azy tany ty tanà i Davida babany. Rehoboama, anakilahiny, ro avy mpanjaka nanolo ty toerany.

Chapter 10

¹Nana Sekema any i Rehoboama, safe avy ta Sejema any mba hanao azy ho mpanjaka ty Israely iaby. ²Sady ré i Jeroboama anakilahy i Nebata say (safe ta Egyptaany ie, tamy ze fa nilaisahy hiala tamy ty famonjea i Solomona Mpanjakao, neda fa nimpoly baka Egypta any i Jerosalema). ³a le nandefa noho nampikaiky androzy rey, sady lasa Jerosalema noho ty Israely iaby; niresaky tamy i Rehoboama ndrozy ka le nanao hozao: ⁴"Nanasarotsy ty zioganay ty babanao. Ka le amy zao, hanovy mora ty asa mahery ty babanao, sady anovo tsy misy dikany ty zioga mavesatsy ze napetsaky taminay teto, le hanompo anao zahay." ⁵Hoasa Rehoboama tamin-drozy hozao: "Mimpolia ndraiky amiko eto afaky telo andro." Ka le lasa olo lako rey. ⁶Nangalaky hevitsy tamy zokin'olo ze nitsanga tanila i Solomona babany eo tamy ie mbo velo i Rehoboama mpanjaka rey; hoy ie hozao: "Nanino ro hanoroanareo hevitsy ahy mba handaisako valin-tsafa amy olo lako ret eo?" ⁷Niresaky taminy rozy ka le nivola hozao: "Laha soa amy olo lako rey iha sady soa ndrozy, sady nivola safa soa amin-drozy, le ho piasanao zisiky farany ndrozy." ⁸Kanefa tsy nirarahy i Rehoboama ty torohevitsy ze namea zokin'olo azy rey, sady nangalaky hevitsy tamy ty tovolahy ze niaraky bey taminy ie rey, ze nitsanga tanilany eo. ⁹Hoy ie tamin-drozy hozao: "Ino ro torohevitsy hameanareo ahy, mba hafahantsika mamaly ty olo lako ze niresaky tamiko ka le nivola hozao: 'Anovo tsy misy dikany ty zioga ze napetsaky ty babanao taminay?'" ¹⁰Pamaraky niaraky-nibey rey tamy i Rehoboama nivola taminy, nanao hozao: "Manahaky zao ro tokony havalinao olo lako ze nivola taminao rey fa i Solomona babanao ro nampavesatsy ty ziogan-drozy, ka le tokony tsy nasianao dikany zay. Zao ro tokony ho volaninao androzy: 'Ty kikikeliko ro matevy noho ty andila-babako.'" ¹¹Ka le amy zao, na le nivesary ty babako tamy ty zioga mavesatsy aza nareo, le mbo hanampy ty zioganareo zaho. Ty babako nanasazy amy mengoky rey." ¹²Ka le nandeha nana amy i Rehoboama any i Jeroboama noho ty olo lako iaby tamy ty andro fahatelo, manahaky ty nivolany ty mpanjaka hozao: "Mimpolia amiko atoy amy ty andro fahatelo." ¹³Nivola maré androzy i Rehoboama, tsy nidary ty torohevitsy zokin'olo rey. ¹⁴Nivola tamin-drozy manahaky ty torohevitsy ty pamaraky rey ie, fa zaho hanampy zay. Ty babako nanasazy anareo tamy ty karavasy, fa zaho hanasazy anareo amy ty mengoky." ¹⁵Laha zay le tsy nijanjiny ty mpanjaka ty olo lako, fa zay ro fanovà tamy ty raha nandesin-Janahary rey, mba hafaha Yaveh manantanteraky ty safany ze nivolany i Ahia azy Silonita tamy i Jeroboama anakilahy i Nebata. ¹⁶Lafa hita Israely iaby fa tsy nijanjy androzy ty mpanjaka, le namaly azy ty olo lako ka le nivola hozao: "Ino ro anjaranay amy i Davida? Tsy mana lova amy ty anakilahy i Jese ao zahay! Ty kirai-draiky aminareo le tokony himpoly andainy any iaby, Israely e. Sady henteo ty tsanonao, Davida e." Ka le nimpoly ho an-dainy any iaby ty Israely iaby. ¹⁷Fa laha ty amy olo mipetsaky tamy tanà i Joda any, le i Rehoboama ro nanjaka tamin-drozy eo. ¹⁸Sady Rehoboama Mpanjaka nandefa an'i Adorama, ze nanapaky tamy mpanao asa forosé rey eo, nefa ty olo lakon'Israely nitoraky vato azy ho maty. Sady nitsioky malaky tamy ty kalesany ho a-Jersalema any i Rehoboama mpanajaka. ¹⁹Laha zay le tanay ty fiharoa ao nanohitsy ty tariha i Davita ty Israely zisiky androany.

Chapter 11

¹Lafa niavy ta Jerosalema any i Rehoboama, le navoriny ty tariha i Joda noho Benjamina, lahilahy maramila ty voatingy 180 000, mba hialy amy Israely, mba hampimpoly amy ty velohany ty fanjaka ho ahy Rehoboama.

²Kanefa niavy tamy i Semaia azy lahilahin-Janahary iny ty safa Yaveh, nanao hozo: ³"Volano i Rehoboama anakilahy i Solomona, mpanjaka i Joda, noho ty Israely iaby a-Joda noho Benjamina any hozo: ⁴"Zao ro volany Yaveh: "Mba ka manafiky na mitariky aly amy rahalahinareo reo nareo. Ty olo iaby ro tsy maintsy mimpoly amy ty fipetrahany any iaby, fa Zaho ro fa nampitsanga zay. ⁵" Ka le nanenky ty safa Yaveh ndrozy ka le nimpoly tsy ho amy ty fanagiha an'i Jeroboama. ⁶Nipetsaky ta Jerosalema ao i Rehoboama ka le nampitsanga tanà ta Joda ao ho fiarova. ⁷Nampitsanga an'i Betlehema, Etama, Tekoa, ⁸Beti-zoro, Soko, Adolama, ⁹Gata, Maresaha, Zifa, ¹⁰Adoraima, Lakisy, Azeka, ¹¹Zora, Aialona, sady Hebrona ie. Reo ro tanà mivala ta-Joda noho Benjamina any. ¹²Nampahery vala rey ie ka le nampipetsaky mpifehy tamy rey ao, niaraky tamy ty fipetsahan-kaniko, solo-bonio, sady divay.

¹³Nampipetsaky fiaro noho lefo tamy ty tanà iaby any ie ka le nampahery rey vatany. ka le lasany i Joda noho Benjamina. ¹⁴Mpisoro rey noho Levita ze tamy Israely ao iaby rey le namonjy azy baka amy ty fari-taniny rey ao.

¹⁵Fa Levita rey niala tamy ty tany fihinanam-bibiny rey noho ty tsano noho tanin-drozy mba hamonjea a-Joda noho Jerosalema any, safe fa niroasy i Jerosalema noho anakilahiny rey ndrozy, mba tsy hafahan-drozy manao lily rey amy ty maha-mpisoro ho an'Yaveh sasy. ¹⁶Jerosalema ro nitingy mpisoro ho azy ho amy fipetsaha abo rey noho aosy sady sary anak'aomby ze fa namboariny. ¹⁷Ty olo lako baka amy fokon'Israely iaby rey ro niavy tafaran-drozy, ze namboatsy ty fony hila an'Yaveh rey, azy Njanahary ty Israely iny; niavy ta Jerosalema ao ndrozy mba hanao soro ho an'Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy iny. ¹⁸Ka le nampaherezin-drozy ty fanjaka i Solomona anay ty telo tao, ka le nandeha tamy ty lala i Davida noho Solomona anay ty telo tao ndrozy. ¹⁹Nangala-baly ho azy Rehoboama: le i Mahalota, say anakilahy i Jerimota iny, anakilahy i Davida, noho Abihaila, azy anak'ampela i Eliaba, anakilahy i Jese. ²⁰Niteraky anakilahy taminy iny ie: le i Jeosy, Semaria, sady Zahama. ²¹Tafara i Mahalota, le nangalaky an'i Maka, anak'ampela i Absaloma, i Rehoboama; niteraky an'i Abia, Atahy, Ziza, sady Selomita taminy ie. ²²Rehoboama nitea an'i Maka, anak'ampela i Absaloma, nandilatsy valiny hafa rey noho valikeliny iaby (nangala-bala ampela folo valo amby noho valikely enim-polo ie, ka le nanjary baba ty anakilahy ropolo valo amby noho anak'ampela enim-polo). ²³Rehoboama mitondro an'i Abia anakilahy i Maka ho bey, mpitarika amy rahalahiny rey eo; fa nanan-kevitsy ty hanao azy ho mpanjaka ie. ²⁴Nanapaky tamy fahendrea i Rehoboama; nampiparitaky anakilahiny rey iaby nameno ty tany i mivala iaby ie. Nanome hany bey ho androzy avao koa ie sady nila valy lako bey ho androzy.

Chapter 12

¹Sady tamy zay, lafa tafapetraky ty fanjaka i Rehoboama sady natanjaky ie, le nahafoy ty lalà i Yaveh---noho ty Israely iaby niaraky taminy ie.²Itsanga zay tamy ty tao fahalimy nanjaka i Rehoboama mpanjaka, fa i Sisaka, mpanjaka i Egipta niakatsy hanohitsy an'i Jerosalema, safe namaliky an'i Yaveh ty olo lako. ³Niavy niaraky tamy ty kalesa roan-jato noho arivo raiky noho mpiondra sovaly enin'aly ie. Maramila tsy hay hisahy ro niavy niaraky taminy baka Egipta any: ⁴Lobita rey, Sokita, sady Etiopiana. Nalany tanà voaaro mahery ze an'i Joda rey sady nana a-Jersalema any rey.⁵Sady Semaia mpaminany niavy tamy i Rehoboama any noho mpitariky an'i Joda ze niaraky nivory rey ta Jerosalema noho i Sisaka ao. Hoasa Semaia tamin-drozy hozao: "Zao ro volany i Yaveh : Nareo fa nahafoy ahy, ka le fa nameako ho an-tana i Sisaka eo avao koa nareo." ⁶Le nampijotso vata mpanjakan'Israely rey noho ty mpanjaka sady nanao hozao: "Marina Yaveh. " ⁷Sady lafa hita Yaveh fa nampijotso vata ndrozy, le niavy tamy i Semaia ty vata Yaveh, nanao hozao: "Fa nampijotso vata ndrozy. Tsy handrava androzy Zaho; fa hamonjy androzy amy ty fandrava, sady tsy hilatsaky amy i Jerosalema eo amy ty alala ty tana i Sisika ty helokiko. ⁸Ndra zay aza, le ho mpiasany ndrozy, mba hatakarand-rozy hoe atao akory zay manompo Ahy noho manompo mpanday firenea hafa rey zay."⁹Sady Sisika, mpanjaka i Egipta niakatsy hanohitsy an'i Jerosalema ka le nangalaky hanana rey tan-tsano i Yaveh ao, noho hanana tan-tsano ty mpanjaka rey ao. Nalany iaby ty raha iaby; nandesiny avao koa fiaro volamena ze nanovy i Solomona rey. ¹⁰Nanao fiaro saba tamy pilasiny eo i Rehoboama Mpanjaka rey sady nampianky rey tan-tana mpifehy ty mpiemby eo, ze niemby varavara ty tsano ty mpanjaka rey.¹¹Nitsanga zay isaky ty nilitsy tan-tsano Yaveh ao ty mpanjaka, ka le nanday zay mpiemby rey; bakeo ndrozy nanday zay nimpoly tamy ty tsano fiembena any. ¹²Lafa nampijotso vata i Rehoboama, le niala taminy ty heloky Yaveh, mba tsy handrava azy tanteraky; mandilatsy zay, mbo nisy hasoa hita avao tamy i Joda ao.¹³Sady Rehoboama Mpanjaka nanday hery ho ahy ty fanjakany ta Jerosalema ao, le manahaky zay ro nanjakany. Efa-polo raiky amby tao Rehoboama laha nanomboky nanjaka, sady nanjaka anay ty folo fito amby tao ta Jerosalema ao, azy tanà ze nitinginy Yaveh tamy ty fokon'Israely iaby ie mba hafahany mampipetsaky ty anarany ao iny. Ty anaran-dreniny le Nama, azy Amonita iny. ¹⁴Nanao ze raty ie, safe tsg nanefy ty fony mba hila an'Yaveh. ¹⁵Sady ty amy raha hafa mikasiky an'i Rehoboama, velohany sady farany, moa va rey tsy fa voasoratsy amy ty asa sarotsy i Semaia mpaminany ao noho Ido azy mpahita iny, ze mana ty fanorata an-tsoratsy tetiara rey avao koa sady aly lava tamy i Rehoboama rey eo noho Jerosalema? ¹⁶Nimaty tamy razambeny rey i Rehoboama sady nalevy tan-tanà i Davida ao; Abia anakilahiny ro avy mpanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 13

¹Tamy ty tao fahavalo nanjaka i Jeroboama Mpanjaka, le nanomboky nanjaka tamy i Joda i Abia. ²Nanapaky tanay ty telo tao ta Jerosalema any ie; Maka ro anara ty reniny, azy anak'ampela i Oriela baka Gibeà any. Nisy aly tamy i Abia noho Jerosalema eo. ³Abia nandeha nialy niaraky tamy ty tafiky matanjaky raiky, le maramila mahery fo, lahilahy voatingy 400 000. Sady Jeroboama nandahatsy lahilahy voatingy, matanjaky, maramila mahery fo 800 000 bialy hanohitsy azy. ⁴Nitsanga tam-bohitsy Zemariama eo, ze tamy ty tany abo i Efraïma i Abia, sady nanao hozao: "Janjino zaho, Jeroboama noho Israely iaby! ⁵Tsy hainareo va fa Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ro nanome an'i Davida ty fanapaha tamin'Israely eo mandrakizay, le ho azy noho anakilahiny rey tamy ty fanekea ara-dalà? ⁶Nefa Jerosalema anakilahy i Nebata, azy mpiasa i Solomona anakilahy i Davida iny, le fa nitsanga sady niharo nanohitsy ty tompony. ⁷Lahilahy rey tsy maeva, nama raty fandaisam-bata rey, ro niharo taminy. Avy hanohitsy an'i Rehoboama anakilahy i Solomona ndrozy, tamy ie mbo tanora noho tsy nana fahaiza sady tsy nahavita nanohitsy androzy i Rehoboama. ⁸Amy zao nareo mivola fa matahotsy ty fandaisa mahery Yaveh antana ty tariha i Davida rey eo. Tafiky bevata nareo, sady miaraky aminareo anak'aomby volamena ze nanovy i Jeroboama ho njanahary ho ahy nareo. ⁹Tsy fa ndroaky mpisoro i Yaveh rey, le tariha i Arona rey, noho Levita rey va nareo? Tsy fa nanao mpisoro ho ahy ty vatanareo tamy ty fomba ty olo mipetsaky amy ty tany hafa rey va nareo? Ndra aia ndra aia hoavy manamasim-bata miaraky amy ty anak'aomby noho aondrilahy fito ro hanjary mpisoro ze tsy njanahary rey lahy ie. ¹⁰Fa laha ty aminay, Yaveh ro Njanaharinay, sady tsy mbo nahafoy Azy zahay. Manao mpisoro zahay, tariha i Arona, manompo an'Yaveh, noho Levita rey, ze amy ty asan-drozy. ¹¹Isaky maray noho isaky hariva le mandoro fanomezà oroa noho lintan-kazo manitsy ho an'Yaveh ndrozy. Mandamy ty mofo ty famonjea amy ty latabatsy malio eo avao koa ndrozy; mikarakara ty fipetsahan-jiro volamena mbamy jirony rey avao koa ndrozy, mba harehitsy isaky hariva. Miemby lily Yaveh rey, Njanahary zahay, nefa nareo nahafoy Azy. ¹²Ingo, Njanahary ro miaraky aminay alohany eo, sady mpisorony rey ro miaraky amy ty trompetra eo mba hampanenoa fitaira ho anareo. Olo lakon'Israely, mba ka mialy amy Yaveh, azy Njanahary ty razambenareo iny, fa tsy homety nareo. ¹³Kanefa Jeroboama nanoma famangoa tampoky tafarab-drozy; taloha i Joda eo ty tafikiny, sady tafaran-drozy ty hotsoky. ¹⁴Lafa nitoliky i Joda, le ingo, sady talohan-drozy eo ro tafarany ao ty aly. Nitaray tamy Yaveh ndrozy, sady nitsioky trompetsa mpisoro rey. ¹⁵Le nitifitsy lahilahy rey i Joda; lafa baka ndrozy, le namango an'i Jeroboama noho ty Israely iaby taloha i Abia noho Joda eo i Njanahary. ¹⁶Nilay taloha i Joda eo ty olo lakon'Israely, sady namean-Janahary tan-tana i Joda eo ndrozy. ¹⁷Nivonoa i Abia noho ty tafikiny tamy ty famonoa bey ndrozy; ka le lahilahy voatingy 500 000 tamin'Israely ro lova ka le maty. ¹⁸Tamy fomba zay, ro nandresea ty olo lakon'Israely tamy fotoa zay; nandresy ty olo lakon'i Joda safe nianky tamy Yaveh, azy Njanahary razamey ndrozy iny rey. ¹⁹Nihiany i Abia i Jeroboama; nalany taminy tanà rey: le i Betela niaraky tamy anaky-vohitsiny rey, sady Efrona niaraky tamy anaky-vohitsiny rey. ²⁰Tsy nihanahery sasy Jeroboama tanay ty andro i Abia; namango azy Yaveh, ka le maty ie. ²¹Fa Abia koa nihanatanjaky; nangala-baly fool efatsy amby ie sady niteraky ropolo roamby lahy noho folo enin'amby ampela. ²²Ty sisa asa bey vita i Abia rey, ty fandaisam-batany noho safany rey ro voasoratsy amy ty famoahan-kevitsy i Ido mpaminany ao.

Chapter 14

¹Nimaty tamy razambey i Abia any rey, sady nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida ao ie. ²Asa, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty foko tao ty tany. Nanao ze soa noho marina tamaso Yaveh Njanahariny eo i Asa, ³safe nalany andriam-bato rey sady nitapahiny baon'Aseraha rey. ⁴Nibeko an'i Joda ie mba hila an'Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy iny, noho hanantanteraky lily noho lalà rey. ⁵Nalany avao koa fipetsaha abo rey noho alitara ty lintan-kazo manitsy baka amy tanà i Joda iaby rey. Nijano tambaniny ty fanjaka eo. ⁶Nampitsanga tanà mivala ta Joda ahy ie, safe tsy nivola ty tany, sady tsy nana aly ie tamy tao rey, safe nanome fiadana azy Yaveh. ⁷Fa Asa nivola tamy i Joda hozao: "Engao tsika hipetsaky tanà rey, sady hanisy vala miodidy androzy, noho tilikambo, vavahady, sady hijotso lavalava; mbo antsika ty tany safe nila an'Yaveh Njanaharin-tsika tsika. Fa nila Azy tsika, sady nanome fiadana antsika tamy ty lafiny iaby Ie." Ka le namboatsy ndrozy sady nimety. ⁸Nana tafiky raiky nitanjaky fiaro noho lefo i Asa; baka amy i Joda ro nana lahilahy 300 000 ie, sady baka amy ty Benjamina, lahilahy 280 000 ze nitanjaky fiaro noho kititsy. Natanjaky iaby iaby rey, lahilahy bey gerim-po rey. ⁹Sady Zera azy Etiopiana iny lasa nanohitsy androzy niaraky tamy ty tafiky maramila tapitsisa raiky noho sekely telon-jato; niavy any Maresa ie. ¹⁰Le niboaky hitsena azy i Asa, sady nandamy ty laharan'aly tam-baibo i Zefata any ta Maresa any ndrozy. ¹¹Nangataky tamy Yaveh, Njanahariny i Asa, sady nanao ho zao: "Yaveh e, tsy misy hafa-tsy Iha ro hanampy ze tsy manan-kery lafa miatsiky raha lako ie. Ampeo zahay, Yaveh Njanaharinay, safe miaky Aminao zahay, sady amy ty Anaranao ro hahavianay hanohitsy lako maré rey. Yaveh e, Iha ro Njanaharinay; mba ka enga resy ty olo Iha." ¹²Ka le namango Etiopiana rey tanila i Asa noho Joda eo Yaveh; ka le nilay Etiopiana rey. ¹³Nania androzy zisiky a-Jerara any i Asa noho maramila niaraky taminy rey. Laha zay le Etiopiana lako ro lavo ka le tsy afaky narovan-drozy, safe rava tantereraky tanila Yaveh noho ty tafikiny eo ndrozy. Nanday gadra lako maré ty tafikiny. ¹⁴Narava ty tafiky tanà iaby miodidy an'i Jerara rey, safe avy tamy olo mpipetsaky ty hiroro Yaveh rey. Niamban'ny ty tafiky tanà iaby rey, ka le nisy gadra lako tamin-drozy ao. ¹⁵Narava tafiky rey avao koa fipetsahan-day mpiemby mpifalo petsaky rey; nanday aondry lako, noho rameva ndrozy, sady bakeo nimpoly ta Jerosalema any.

Chapter 15

¹Niavy tamy i Azaria anakilahy i Odeda ty fanahin-janahary. ²Niboaky hitsena an'i Asa ie sady nanao taminy hozao: "Janjino zaho, Asa, noho Joda sady ty Benjamina iaby: mitahy anareo Yaveh, lana miarakany aminy nareo. Laha mila Azy nareo, le ho hitanareo Ie; fa laha mahafofy Azy nareo, le hafoiny." ³Sady tanany ty fotoa ela, le tsy nana azy Njanahary marina iny ty Israely, tsy nana mpisoro nampianatsy, sady tsy nana ty lalà. ⁴Fa lafa nitoliky tamy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny ndrozy tamy ty androm-pijalean-drozy, sady nila Azy, le hitan-drozy Ie. ⁵Tamy fotoa zay le tsy nisy fiadana ho ahy ze nandeha lavitsy, na ho ahy ze nandeha nanatoy; fa koa, fikorontana bevata ro tamy olo mipetsaky tany iaby rey. ⁶Tororo ndrozy, firenea nanohitsy firenea, sady tanà nanohitsy tanà, safe nampiajakean-Janahary tamy karaza fijalea iaby ndrozy. ⁷Fa mahereza, sady mba ka enga halemy ty tananareo, fa ho valea soa ty sasanareo. ⁸Lafa re i Asa safa rey, ty faminania i Odeda mpaminany, le nana herim-po ie sady nangalaky raha mandaginy rey hiala amy ty tany i Joda noho Benjamina aby, sady tamy tanà ze gadrany baka amy ty tany vohitsy i Efraima rey, sady nampimpoly namboatsy ty alitara i Yaveh ie, ze taloha ty lavaranga ty tsano i Yaveh. ⁹Navoriny ty Joda noho Benjamina iaby, noho ze nijano niarakany tamin-drozy rey---olo baka amy i Efraima noho Manase, sady baka amy i Simeona. Fa lako hisaky ndrozy ro namonjy azy baka Israely any, lafa hitan-drozy fa mitahy azy Yaveh Njanahariny. ¹⁰Laha zay le niara-nivory ta Jerosalema ao ndrozy tamy ty fahatelo ty vola, tamy ty faha folo limy amby tao nanjaka i Asa. ¹¹Nanao soro ho an'Yaveh tamy ty ilany tamy gadra ze nandesin-drozy tamy andro zay ie ndrozy rey: aomby fiton-jato noho aondry noho aosy fito arivo. ¹²Nanao fifanenkea mba hila an'Yaveh, azy Njanahary ty razambey ndrozy iny, tajy ty fon-drozy iaby noho tamy ty fanahin-drozy iaby. ¹³Nanenky ndrozy fa ndra ia ndra ia nandà ty hila an'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, le tokony vonoa ho maty, na kelikely na bey azy olo iny, na lahilahy na ampela. ¹⁴Nangataky tamy Yaveh tamy ty feo anabo, tamy ty koraky, noho tamy ty trompetra sady anjomara ndrozy. ¹⁵Nifalifaly tamy azy fangataha ty Joda iaby iny, safe nangataky tamy ty fony 8aby ndrozy, sady nila maré an-Janahary, ka le hitan-drozy Ie. Namea Yaveh fiadana ty miodidy androzy iaby. ¹⁶Nalany tsy ho mpanjaka ampela avao koa Imaka, renibeiny, safe nanao sarin-draha mandaginy tamy ty baon'Aseraha ie. Nitapaha i Asa azy sarin-Draha mandaginy ihy, nitsahany ho lemboky sady nioroany tamy ty loham-baibon-driaky Kidrona zay. ¹⁷Kanefa fipetsaha abo tsy nala ta Israely ao rey. Ndra zay aza, feo fanomezam-bata tanteraky ty fo i Asa tamy ty androny iaby. ¹⁸Nandesiny tan-tsano Yaveh ao rey raha ty babany noho rahany manoka ze an'Yaveh rey: volafoty noho rahany volamena rey. ¹⁹Tsy nisy aly sasy zisiky faha telo-polo limy amby tao nanjaka i Asa.

Chapter 16

¹Tamy ty faha telopolo enin'amby tao nanjaka i Asa, i Basa, mpanjakan'Israely, ro nanoro heriloha nanohitsy an'i Joda sady nampitsanga an'i Rama, mba tsy hanengany an'ia an'ia hiala na hilitsy amy ty tany i Asa ao, mpanjaka i Joda.²Le nandeay ty volafoty noho volamena niboaky ty efitsano fanajaria tamy ty tsano Yaveh ao noho ty tsano ty mpanjaka i Asa, sady nandefa zay tamy Geni-hadada mpanjaka i Syria any, ze nipetsaky ta Damaskosy any. Hoy ie hozao: ³"Engao hisy fifanenkea amiko noho aminao eo, manahaky ty nisia zay tamy ty babako noho babanao eo. Ingo, nandefa volafoty noho volamena taminao zaho. Aravao ty fifanenkeanao manengà ahy raiky."⁴Nijan'ny an'i Asa Mpanjaka i Beni-adada ka le nandefa mpifehy ty tafikiny rey hanohitsy tanàn'Israely rey. Nanafiky an'i Iona, Dana, Abela-maima, sady tanà fanajaria i Naftaly iaby rey ndrozy. ⁵Sady lafa naharé zay i Basa, le najanony ty fanangana an'i Rama, sady nampijano ty asany. ⁶Sady nala i Asa Mpanjaka niaraky taminy ty Joda iaby. Nandesin-drozy ty vato noho hazo i Rama ze natsanga i Basa ty tanà rey. Le nampiasa i Asa namboara an'i Geba nohk Mizpa fiasà fanamboara zay.⁷Tamy fotoa zay i Hanany mpahita nana amy i Asa any, mpanjaka i Joda, la le nanao taminy hozao: "Safe iha niantehitsy tamy ty mpanjaka i Syria, fa tsy niantehitsy tamy Yaveh Njanaharinao, le niala baka an-tananao eo ty tafiky ty mpanjaka i Syria. ⁸Moa va Etiopiana noho Lobita rey tsy tafiky bevata, miaraky amy ty kalesa noho mpiondra-sovaly tena lako rey? Kanefa, safe iha niantehitsy tamy Yaveh, le nanome anao ty fandreseha tamin-drozy eo Ie.⁹Fa ty maso Yaveh mandeha mbeny mbeny mameno ty tany iaby, mba hafahany manoro ty vatany ho mahery ho ahy ze mana fotoa malaky mariny Azy. Fa nanao hadala tamy raha zay iha. Ka le manomboky amy zao, le hana aly iha." ¹⁰Sady le heloky amy azy mpahita iny i Asa; nigadrany ie, safe neloky taminy noho raha zay ie. Tamy fotoa zay avao, le nampijaly ty ilany tamy olo lako rey i Asa.¹¹Ingo, asa i Asa rey, baka ambelohany zisiky farany, le ingo, fa voasoratsy amy ty boky mpanjaka i Joda noho Israely rey ao. ¹²Tamy ty faha telopolo sivy amby tao nanjakany, le narary ty tomboky i Asa; le tsy nila fanampea baka amy Yaveh ie, fa tamy nitsabo rey avao.¹³Nimaty tamy razambeny rey any i Asa; maty tamy ty faha efapolo raiky amby tao nanjakany ie. ¹⁴Nalevin-drozy tamy ty liliny so avao ie, ze nihaly ho ahy tamy ty tanà i Davida ao. Nampiroron-drozy tanabo kitsely atsiky imbo manitsy noho karazan-draha-manitsy namea mpahay raha-manitsy eo ie. Sady nanao afo bevata ndrozy mba ho voninahitsy ho anazy.

Chapter 17

¹Josafata anakilahy i Asa ro lasa mpanjaka nanolo azy. Nampatanjaky ty vatany hanohitsy an'Israely i Josafata.

²Nampipetsaky tafiky tamy tanà mivala i Joda iaby rey ie, sady nampipetsaky maramila tamy tany i Joda noho tamy tanà i Efraïma rey any, ze nigadra i Asa babany.³Nitahy an'i Josafata Yaveh safe nandeha tamy lala i Davida babany velohany rey ie, sady tsy nila Bala rey.⁴Fa koa, natoky azy Njanahary ty babany rey ie, sady nandeha tamy liliny rey, fa tsy mba tamy ty fandaisam-batan'Israely.⁵Ka napetsaky Yaveh tan-tanany eo ty fanapaha; nanome voninahitsy an'i Josafata ty Joda iaby. Nana hanana noho voninahitsy bevata ie.⁶Ty fony ro nanovy ho ahy lala Yaveh rey. Nangalaky fipetsaha abo rey noho ty baon'Aseraha ta Joda any avao koa ie.⁷Tamy ty tao faha telo nanjakany ro naniraky an'i Benaila, Obadia, Zakaria, Netanela sady i Mikaia manam-pahefany ie, mba hampianatsy amy tanà i Joda rey any.⁸Niaraky tamin-drozy koa Levita rey: le i Semaia, Netania, Zebadia, Asahela, Semiramota, Jonatana, Adonia, Tobia, sady Tob-adonia; sady niaraky tamin-drozy i Elisama noho Jorama mpisoro.⁹Nampianatsy ta Joda any ndrozy, sady nana ty boky ty lalà Yaveh niaraky taminy. Nandeha nameno ty tanà i Joda iaby ndrozy sady nampianatsy tamy ty olo lako eo.¹⁰Nirotsaky tamy fanjaka ty tany iaby ze nibekoa an'i Joda ty horohoro an'Yaveh rey, mba tsy hamonjean-drozy aly amy i Josafata.¹¹Ty Filistina ilany nanday fanomezana ho ahy Josafata, noho volafoty ho fanomezam-boninahitsy. Arabo rey koa ro nanday aondry noho aosy ho azy, aondrilahy 7 7000 sady aosilahy 7 700.¹²Lasa tena nahery i Josafata. Namboatsy fiarova mahery noho tanà fanajaria ta Joda ao ie.¹³Ie ro nana fitaova lako tan-tanà i Joda ao, noho maramila---matanjaky, lahilahy mahery fo---ta Jerosalema any.¹⁴Ndreto ty lisita ndrozy, milahatsy manahaky ty anara ty longom-baban-drozy reh: baka Joda any, mpifehy ty an'arivony rey; Adna mpifehy, sady niaraky taminy ty lahilahy mpialy 300 000; ¹⁵tafarany ao i Johanana mpifehy, sady niaraky taminy ty lahilahy 280 000; ¹⁶tafarany ao i Amasia anakilahy i Zikry, ze nanomevata hanompo an'Yaveh; sady niaraky taminy ty lahilahy mpialy 200 000. ¹⁷Baka amy i Benamina: le i Eliada lahilahy nanjaka tamy ty herim-po, sady niaraky taminy ty mitam-pialia 200 000 niaraky tamy kititsy noho fiaro rey; ¹⁸manaranaky azy i Jozabada, sady niaraky taminy 180 000 vonona ho amy ty aly. ¹⁹Rey ro nanompo ty mpanjaka, ankoatsy ze napetsaky ty mpanajaka tamy tanà mivala nameno an'i Joda iaby rey.

Chapter 18

¹Sady Josafata nanan-kanana noho voninahitsy bevata; ie ro nilongo tamy i Ahaba tamy ty nanambalia ty raiky tamy ty longony ao ty anak'ampelany. ²Tao lako tafara tato, le nijotso tamy Ahaba ta Samaria any ie. Namono aondry noho aosy lako ho azy noho olo niaraky taminy rey i Ahaba. Nandresy lahatsy azy mba hanafiky an'i Ramota Gileada hiaraky aminy koa Ahaba. ³Hoasa Ahaba, mpanjakan'Israely, tamy i Josafata, mpanjaka i Joda hozao: "Handeha hiaraky amiko ho a-Ramota Gileada any va iha?" Namaly azy Josafata hozao: "Manahaky anao avao zaho, sady ty olo lakoko ro manahaky ty longonao; hiaraky aminareo amy ty aly any zahay." ⁴Hoasa Josafata tamy ty mpanjakan'Israely hozao: "Mba ilao aloha ty safa Yaveh ho amy ty valin-tsafanao." ⁵Bakeo ty mpanjakan'Israely nampivory mpaminany rey, lahilahy efa-jato, ka le nivola tamin-drozy hozao: "Tokony handeha hialy a-Ramota Gileada any va tsika, sa tsy hialy? Hoasan-drozy hozao: "Tafiho, fa Njanahary hanome zay an-tana ty mpanjaka eo." ⁶Fe hoasa Josafata hozao: "Tsy mbo misy mpaminany Yaveh hafa ze afaky hangalatsika hevitsy va etoa?" ⁷Hoy ty mpanjakan'Israely tamy i Josafata hozao: "Mbo misy lahilahy raiky ze afaky hangalatsika ty hevitsy Yaveh, le Mikaia anakilahy i Jimla, fe halako ie safe tsy naminany soa nikasiky ahy mihintsy ie, fa raty avao." Fa hoasa Josafata hoxao: "Tsy tokony hivola zay ty mpanjaka." ⁸Bakeo nikaiky manampahefa ty mpanjakan'Israely mpanjakan'Israely sady nivola hozao: "Andeso malaky i Mikaia anakilahy i Jimla." ⁹Sady samby nipetsaky tamy ty seza fipetsaha iaby i Ahaba mpanjakan'Israely noho Josafata mpanjaka i Joda, nisiky ty akanjo lavan-drozy, tamy ty toera malalaky aloha ty filira ty vavahady i Samaria eo, sady ty mpaminany iaby robnaminany tanilan-drozy eo. ¹⁰Zedekia anakilahy i Kenana ro nanamboatsy tsifa vy ho ahy ty vatany sady nivola hozao: "Zao ro volany Yaveh: Amy rey ro handisananao Syriaana rey zisiky maharavan-drozy." ¹¹Nitovy faminania mpaminany iaby rey, nanao hozao: "Tafiho Ramota Gileada sady reseho, fa namean'Yaveh tantany eo ty mpanjaka zay." ¹²azy raiky ze nandeha nikaiky an'i Mikaia nivola taminy iny, nanao hozao: "Ingo zao, ty safa mpaminany rey le manambara raha soa amy ty mpanjaka amy ty feo toka. enga anie ty safa ty raiky amin-drozy sady hivola raha soa." ¹³Namaly Mikaia hozao: "Laha mbo velo koa Yaveh, le ze raha volany Njanahary ro nambarako." ¹⁴Lafa avy tamy ty mpanjaka any ie, le hoasa azy mpanjaka iny taminy hozao: "Mikaia, tokony handeha hialy a-Ramota Gileada any va tsika, sa aha?" Namaly azy Mikaia hozao: "Tafiho sady mandresy! Fa ho fandreseha bevata zay." ¹⁵Bakeo ty mpanjaka nivola taminy hozao: "Impiry ro hampianianako anao tsy hivola hafa tsy ty marina amiko amy ty anaran'Yaveh?" ¹⁶ka le hoasa Mikaia hoe: "Nahita ty Israely iaby niparitaky tamy vohitsy rey eny zaho, manahaky ty aondry tsy misy mpiemby, sady hoasa Yaveh hozao: "Tsy mana mpiemby aondry rey. Engaho ty lahilahy iaby himpoly ampienena an-tsanony any." ¹⁷Laha zay le hoasa ty mpanjakan'Israely tamy i Josafata hozao: "Tsy fa nivola anao va zaho fa ie ro tsy ho to-resaky soa mikasiky ahy, fa loza avao?" ¹⁸Bakeo le tokony hijanjy ty safa Yaveh: Nahita an'Yaveh nipetsaky tamy ty seza fipetrahanany eo zaho, sady ty maramila ty lanitsy iaby nitsanga tan-kavanany eo noho tan-kaviany eo. ¹⁹Hoasa Yaveh hozao: "Ia ro hitao an'i Ahaba, mpanjakan'Israely, mba hafahany hiakatsy a-Ramota Gileada any sady ho lavo any?" Ty raiky nivola zao sady ty hafa nivola zay. ²⁰Tafara ze nisy fanahy nandroso ro sady nitsanga taloha Yaveh eo noho nivola hoe: 'Hitao azy zaho' Hoasa Yaveh taminy hozao: 'Amy ty fomba manao akory?' ²¹Le namaly azy fanahy iny hoe: 'Hiboaky zaho sady ho avy fanahy mpavandy am-bava to-resakiny rey ao iaby.' Namaly Yaveh hozao: 'Hitao Azy iha, sady homety koa nareo. Ka le amy zao Mandehana sady anovo zay.' ²²Ingo sady amy zao, Yaveh nampipetsaky fanahy mpavandy tam-bava ty to-resakinao rey ao, sady Yaveh nibeko loza ho ahy nareo. ²³Le niavy i Zekedia anakilahy i Kenana, nitampify ty fify i Mikaia, sady nivola hozao: "Taia ty lala niala ty Fanahy Yaveh tamiko mba hiresaky aminao?" ²⁴Hoasa Mikaia hozao: "Ingo, ho hainao amy andro zay, lafa milay hivony amy ty efitsano anainy any tyb ilany iha." ²⁵Nivola tamy ty mpanompo ilany ty mpanjakan'Israely hozao: "Samboronareo olo lako i Mikaia sady andeso Amona any, azy governora ty tanà iny ie, noho amy i Joasy any, anakilahiko." ²⁶Nareo olo lako hivola aminy hozao: 'Hoasa ty mpanjaka hoe: ampiliro an-gadra any lahilahy io sady fahano mofo noho rano kelikely ie, zisiky himpoliako soa soa.' ²⁷Bakeo Mikaia nivola hozao: "Laha tafampoly soa soa iha, le tsy nivola tamy ty alalako Yaveh." Le mbo nampeany hoe: "Janjino zay, nareo olo lako iaby." ²⁸Ka le niakatsy hanohitsy an'i Ramota Gileada i Ahaba, Hoasa ty mpanjakan'Israely, noho Josafata, mpanjaka i Joda. ²⁹Hoasa ty mpanjakan'Israely tamy i Josafata hozao: "Hiova tarehy zaho sady handeha ho amy ty aly, fa anovo ty akanjo lava ty mpanjaka." Ka le niova nanao olo-hafa ty mpanjakan'Israely, sady nandeha tamy ty aly any ndrozy. ³⁰Sady ty mpanjaka i Syria ro nibeko kapiteny kalesany rey, nanao hozao: "Mba ka mamony maramila manan-kaja rey na tsy manan-kaja. Fa koa, ty mpanjakan'Israely avao ro tafiho." ³¹Sady lafa nahita an'i Josafata kapiteny ty kalesa rey le hoasa ndrozy hoza: "Iny ty mpanjakan'Israely." Nimpoly mba hanafiky azy ndrozy, fe nikoraky maré Josafata, sady namonjy azy Yaveh. Navalikin-Janahary niala taminy ndrozy. ³²Sady lafa hita mpifehy rey ty kalesa fa tsy ty mpanjakan'Israely ie iny, le nimpoly tamy ty faniana azy ndrozy. ³³Fe nisy lahilahy raiky naninto ty anaky

kititsy sady nitifitsy ty mpanjakan'Israely tanivo ty fifandrambesa ty fiarovany eo. Bakeo Ahaba nivola tamy ty mpanday kalesany hozao: "Mitoliha sady andeso miboaky ty aly zaho, fa maratsy maré." ³⁴Niharaty ty aly tamy andro io, sady ty mpanjakan'Israely ro nandiny tamy ty kalesany ao nifanandrify tamy Syriaana zisiky mahariva ty andro. Zisiky-mampihemotsy ty masoandro, le maty ie.

Chapter 19

¹Nimpoly soa soa tan-tsanony ta Jerosalema any i Josafata mpanjaka i Joda. ²Bakeo Jehu anakilahy i Hanana, azy mpahita iny, niboaky hitsena azy ka le nivola tany i Josafata Mpanjaka hozao: "Tokony hanampy ty raty fanahy va iha? Tokony hotea ze malay an'Yaveh rey va iha? aha asa zay, le aminao ao ty heloky baka amy Yaveh ao. ³Ndra zay aza, le mbo misy soa hita anainao ao, fa nalanao hiala ty tany bao Aseraha any rey, sady fa namboatsy ty fonao hila an-Janahary iha." ⁴Nipetsaky ta Jerosalema ao i Josafata; sady niboaky hitety ty olo lako ndraiky ie zisiky a-Beriseba any ka le zisiky amy ty tany vohitsy i Efraïma any ka le nanday androzy nimpoly tany Yaveh any, azy Njanahary ty razambein-drozy. ⁵Nampipetsaky mpitsara tany ty tany nameno tanà mivala iaby rey any ta Joda any ie, isaky ty tanà. ⁶Hoy ie tany mpitsara rey hoe: "Diniho ze tokony hanovinareo, safe tsy mitsara ho hain'olo nareo, fa ho ahy Yaveh; mitahg anareo le amy ty asam-pitsara. ⁷Ka le amy zao, engaho hiala anareo ty tahotsy an'Yaveh. Mitandrema lafa mitsara anareo, fa tsy mba misy heloky amy Yaveh Njanaharintsika, ndra fanentea-tarehin'olo ndra fandraisa kolikoly." ⁸Ka le, nanondro ty ilany tany Levita rey noho mpisoro rey, sady ty ilany tany mpitariky rey ty tsanon-drazan'Israely ta Jerosalema ao i Josafata, ho amy ty fanantanteraha ty fitsara ho ahy Yaveh, sady ho amy fialia rey. Nipetsaky ta Jerosalema ao ndrozy. ⁹Nampianatsy androzy ie, nanao hozao: "Tokony hanompo an'Yaveh am-panaja, am-patokisa, sady amy ty fonareo iaby nareo." ¹⁰Ndra ombia ndra ombia avy aminareo ty fialia amy rahalahinareo ze mipetsaky amy ty tanàn-drozy rey any, na mikasiky ty fandatsahan-dio, na mikasiky lily noho lalà rey, ro ampitandrema ndrozy, mba tsy ho avy meloky anila Yaveh eo ndrozy, laha tsy zay ro avy aminareo noho amy rahalahinareo rey ty heloky. Zay ro tokony hataonareo mba tsy ho meloky nareo. ¹¹Ingo, Amaria mpisoro bey ro aminareo eo amy ty rahalahy Yaveh iaby. Zebadia anakilahy Ismaela, mpitariky ty tariha i Joda, ro miandraikitsy ty rahalahy ty mpanjaka iaby. Levita rey avao koa le ho manampahefa hanompo anareo. Mahereza ka le araho torohevitsy rey, sady Yaveh lahy hitahy ze soa rey."

Chapter 20

¹Sady tafara zay, le avy nanohitsy an'i Josafata olo lako i Moaba nojo Amona rey, sady niaraky tamin-drozy ty Monita ilany. ²Le avy ty ilany nivola tamy Josafata, nanao hozo: "Lako maré rey ho avy hanohitsy anao baka antsisky ty Riaky Maty any, baka Edoma any. Ingo, a-Hazeton-tamara any ndrozy," ze Enjedy. ³Lasa natahotsy noho nampanenty ty vatany mba hanenty an'Yaveh i Josafata. Nanambara fifalian-kany araky i Joda iaby ie. ⁴Niaraky nivory hialy an'Yaveh ty Joda iaby; avy hialy an'Yaveh tamy ty tanà i Joda iaby any ndrozy. ⁵Sady Josafata nitsanga tamy ty egilizy i Joda noho Jerosalema eo, tan-tsano Yaveh ao, taloha ty kianja vaovao. ⁶Hoy ie hozo: "Yaveh e, azy Njanahary razambenay iny, tsy iha va ro Njanahary ty lanitsy? Tsy Iha va ro mpanjaka amy fanjaka ty firehea iaby rey eo? Ty hery noho ty fahefa ro an-tananao eo, ka le tsy misy afaky hahasaky anao. ⁷Njanaharinay e, tsy iha va ro nandroaky ty olo mipetsaky tamy ty tany toy eto taloha Israely olonao, noho nanome zay mandrakizay ho ahy tariha i Abrahama?" ⁸Nipetsaky tamy zay ao noho namboatsy fipetsaha masy tao ho ahy ty anaranao ndrozy, nanao hozo: ⁹"Laha avy aminay eto ty loza---ty meso bevata, ty fitsarà, na arety, na mosary---ro hitsanga aloha tsanony toy eo, noho alohanao eo zahay (fa amy ty tsano toy ato ty anaranao), sady hitany Anao zahay amy ty fijaleanay, ka le haharé noho hamonjy anay Iha." ¹⁰Sady ingo, ndreo olo lako i Amona rey, Moaba, sady ty vohitsy Seria ze tsy nenganao ho tafihin'Israely lafa niboaky baka amy ty tany Egipta any ndrozy; fa koa, niala tamin-drozy ty Israely sady tsy nandrava ndrozy. ¹¹Ingo ty fomba hanonerany antsika; avy handroaky antsika hiala amy ty taninao ao ze nameanao ho lovanay ndrozy. ¹²Njanaharinay e, tsy hitsara androzy va Iha? Fa tsy mana hery hanohera tafiky bevata avy hanohitsy anay zay zahay. Tsy hainay ze tokony hatao, fa ty masonay ro aminao any." ¹³Nitsanga taloha Yaveh eo ty Joda iaby, niaraky tamy malinikin-drozy rey, valiny rey, noho anany rey. ¹⁴tanivo ty egilizy eo, ro avy tamy i Jahaziela, anaky i Zakaria, anaky i Benaia, anaky i Jeiel, anaky i Matania, azy Levita iny, raiky tamy anaky i Asafa rey ty fanahy Yaveh. ¹⁵Hoasa Jahaziela hozo: "Janjino, Joda iaby noho ty olo iaby a-Jersalema, sady Josafata mpanjaka. Zao ro volany Yaveh aminareo hozo: 'Mba ka matahotsy; mba ka laginy amy tafiky bevata zay, fa tsy ho ahy nareo ty aly, fa ho ahy Njanahary.' ¹⁶Tsy maintsy hijotso hanohitsy androzy nareo hamaray. Ingo, hiakatsy amy ty lalà mandalo a-Ziza any ndrozy. Hahita androzy amy ty farany ty lohambaibo eo nareo, aloha ty efitsy Jeroela eo." ¹⁷Tsy mila mialy amy aly zay nareo. Mitsangana amy ty fipetsahanareo eo, mijanona, ka le henteo ty famonjea Yaveh nareo, Joda noho Jerosalema. Mba ka matahotsy na laginy. Miboaha hanohitsy androzy hamaray, fa Yaveh hitahy anareo." ¹⁸Nampiondriky ty tarehiny tamy ty tany eo i Josafata. Ty Joda iaby noho ty olo iaby i Jerosalema ro niondriky taloha Yaveh eo, nihira azy. ¹⁹Levita rey, noho tariha ty Kehatita noho Koraita rey, nitsanga mba hanompo an'Yaveh, azy Njanahary ty Israely iny, tamy ty feo mahery. ²⁰Vo marain-drainy be le nitsanga ndrozy ka le niboaky nana amy ty efitsy Tekoa any. Laha niboaky iny ndrozy, le nitsanga Josafata sady nivola hozo: "Mijanina ahy, Joda, noho nareo olo iaby i Jerosalema! Manenkea an'Yaveh Njanaharinareo, le ho hampea nareo. Matokisa olo to-resainy rey, le ho mety nareo." ²¹Lafa nanontany olo Ie, le nanondro tokony hihira ho annoho hanompo Azy noho ty voninahitsiny masy rey Ie, laha niboaky ty tafiky ndrozy, sady nanao hozo: "Misaora an'Yaveh, fa ho ela zisiky farany ty famalozam-pony." ²²Lafa nanomboky hihira noho nanompo ndrozy, le nampipetsaky lahilahy tampoky ty olo lako i Amona, noho Moaba, sady ty vohitsy Seira, ze baka nanohitsy an'i Joda i Yaveh. Sady le resy ndrozy. ²³Le nitsanga hialy hanohitsy ty olo iaby baka am-bohitsy Seira ao ty olo lako i Amona noho Moaba, mba hamono tanteraky noho handrava androzy. Lafa vitan-drozy ty amy ty olo iaby am-bohitsy Seira ao, le hifandrava ndrozy. ²⁴Laha avy tamy ty toera fijilova ty efitsy ty Joda, le nanenty ty tafiky ndrozy. Ingo, fa maty ndrozy, tonta, tany ty tany; tsy nisy afaky nilay. ²⁵Laha avy handrava tamin-drozy eo Josafata noho ty olo lakony, le nahita raha lako maré, akanjo, noho fiasa sarotsy, ze nalany ho androzy, mandilatsy noho ze azon-drozy nandesy. Naharitsy ela ty fandravan-drozy, fa bey maré zay ro teo. ²⁶Tamy ty andro faha efatsy le nivory tamy ty Loham-baibo i Bereka eo ndrozy. Tany ro hanompoan-drozy an'Yaveh, ka le nanovy hoe "Loham-baibo i Bereka" ty anara toera zay zisiky androany. ²⁷Le nimpoly ndrozy, ty olo iaby ta Joda noho ta Jerosalema ao, sady tamy ty fitarihan-drozy i Josafata ao, mba handeha hana Jerosalema any am-pifalea ndraiky, fa Yaveh fa mampifaly androzy tamy fahavalony rey eo. ²⁸Avy ta Jerosalema ahy noho tan-tsano Yaveh ao niaraky tamy lokanga rey, valiha, sady trompetra ndrozy. ²⁹Ty horohoron'Njanahary ro tamy fanjaka ty firenea iaby rey eo laha naharé ndrozy fa Yaveh ro nialy hanohitsy fahavalon'Israely rey. ³⁰Ka le tsy nivola ty fanjaka i Josafata, safe nanome fiadana azy niodidy azy iaby ty Njanahary. ³¹Nanjaka tamy Joda eo i Josafata: telopolo limy amby tao ie laha nanomboky nanjaka, sady nanajka ropolo limy amby tao ta Jerosalema ao ie. Ty anaran-dreniny ro Azoba, anak'ampela i Sily. ³²Nandeha tamy lala i Asa babany rey ie; sady tsy niala tamy reniny; nanao ze marina tamaso Yaveh ie. ³³Ndra zay aza, tsy nirava fipetsaha abo rey. Ty olo lako ro tsy mbo nitariky ty fon-drozy ho amy azy Njanahary ty razamben-drozy iny. ³⁴Sady laha ty amy raha hafa mikasiky an'i Josafata rey, velohany noho farany, ingo, ndrozy ro fa voasoratsy amy ty tantara i Jeho anaky i Hanany ao, ze

voasoratsy amy ty boky mpanjakan'Israely rey ao.³⁵Sady tafara zay Josafata, mpanjaka i Joda ro nitovy hevitsy tamy i Ahazia, mpanjakan'Israely, ze nanao faharatia lako.³⁶Nitovy hevitsy taminy ie mba hamboatsy sambo handehana a-Tarsisy any. Ta Ezion-gabera any ro nanamboaran-drozy ty sambo.³⁷Sady Eliezera anaky i Dodavaho baka Maresa any, le naminany hamango an'i Josafata; hoy ie hozao: "Safe fa mitovy hevitsy tamy i Ahazia iha, le niravan'Yaveh asanao rey." Nirondriky azy sambo iny ka le tsy afaky niondra an-tsambo ndrozy.

Chapter 21

¹Nimaty tamy razambeny rey any i Josafata sady nalevy niaraky tamin-drozy tamy ty tanà i Davida any; Jehorama, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny. ²Nana rahalahy i Jehorama, anaky i Josafata: le Azaria, Jehiela, Zakaria, Azaria, Mikaela, sady Sefatia. Anakilahy i Josafata, mpanjakan'Israely iaby rey. ³Nanome fanomeza volafoty, volamena, sady raha-sarotsy hafa lako mare, sady tanà mivala ta Joda any ho androzy avao koa ty babany, fe nameany an'i Jehorama ty seza fipetsaha, safe ie ro anakilahiny velohany. ⁴Sady lafa nitsanga tamy ty fanjaka-babany eo i Jehorama ka le nampipetsaky maré ty vatany ho mpanjaka, le nivonoany tamy ty meso bevata rahalahiny iaby rey, noho mpitariky ty Israely samby hafa rey avao koa. ⁵Telopolo roa amby tao i Jehorama laha nanomboky nanjaka, sady nanjaka tanay ty valo tao ta Jerosalema ao ie. ⁶Nandeha tamy ty lala mpanjaka ty Israely rey ie, manahaky ty nanovy ty tariha i Ahaba, fa ty anak'ampela i Ahaba ro valiny, sady nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. ⁷Kanefa, tsy naniry ty handrava ty tariha i Davida i Yaveh, noho ty amy azy fanenkea ze nanovy tamy i Davida; fa nampanantena ty hanome fiaina ho azy noho tarihany rey zisiky farany Ie. ⁸Tamy ty andro i Jehorama, le niharo hialabtamy ty fifeheza i Joda i Edoma, ka le nampipetsaky mpanjaka ho amin-drozy eo. ⁹Le nandeha niaraky tamy mpifehiny noho kalesany iaby rey i Jehorama. Andro haly ro nialany noho nialiany tamy Edomita ze niodidy azy rey noho mpifehy ty kalesany. ¹⁰Ka le fa niharo tamy ty fifeheza i Joda zisiky amy zao i Edoma. Niharo hiala tamy ty fifehezany niaraky tamy zay avao koa i Libna. safe Jehorama fa nahafoy an'Yaveh, Njanahary ty razambeny rey. ¹¹Fanampy zay, le namboatsy fipetsaha abo tamy ty vohitsy i Joda rey avao koa i Jehorama, ka le nampeany ty olo iaby i Jerosalema manahaky ty mpamarom-bata, sady nanday an'i Joda hania. ¹²Nisy taratasy baka amy i Elia mpaminany avy tamy i Jerosalema any. Zao ro nambara zay: "Zao ro volany Yaveh, azy Njanahary i Davida, razambenao: Safe tsy nandeha tamy ty lala i Josafata, babanao iha, ndra tamy ty lala i Asa, mpanjaka i Joda, ¹³fa nandeha tamy ty lala mpanjakan'Israely koa, sady nahavy an'i Joda n9ho olo iaby i Jerosalema rey hiboaky manahaky ty mpamarom-bata, manahaky ty nanovy ty tariha i Ahaba---sady safe fa nivonoa tam ty meso bevata avao koa rahalahinao rey tamy ty longo-babanao, le lahilahysoa rey noho ty vatanao ¹⁴ingo, Yaveh hamango anao, anakinao rey, noho valinao rey, sady ty hanananao iaby amy ty arety-mandrava bevata rey. ¹⁵Iha avao ro harary maré noho ty arety amy ty tinainao ao, zisiky mahavoa ty tinainao noho arety iny, isan'andro san'andro." ¹⁶Le nampientana ty fanahy Filistina rey noho Arabo ze nanariny an'i Etiopiana rey hanohitsy an'i Jerohama Yaveh. ¹⁷Namango an'i Joda ndrozy, nanafiky zay, sady nangalaky hanana iaby ze hita tan-tsano ty mpanjaka ao rey. Nalan-drozy avao koa anakilahiny rey noho valiny rey. Tsy nisy anakilahy tavela ho azy hafa-tsy i Jehoaza, anakilahiny farany. ¹⁸Tafara iaby zay, le namango azy tamy ty tinainy ao tamy ty arety tsy hay afahy Yaveh. ¹⁹Sady tamy ty fotoa voatondro, afaky roe tao, le lova ty aretany ty tinainy, sady maty noho ty arety naharary ie. Tsy nandrehitsy afo ho voninahitsiny manahaky ty nanovin-drozy ho ahy ty razambeny ty olo lakony. ²⁰Nanomboky nanjaka ie tamy ty faha telopolo roe amby taony; nanjaka ta Jerosalema ao anay ty valo tao ie, sady maty tsy nisy pitany. Nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida ie, Fa tsy tamy ty lolo ty mpanjaka ao.

Chapter 22

¹Olo iaby i Jerosalema rey ro nanao an'i Ahazia, anakilahy i Jerosalema farany, ho mpanjaka hanolo azy, fa ty tariha lahilahy ze niaraky tamy Arabo rey nilitsy tamy ty toby ao ro namono anakilahiny bevata iaby rey. Ka le Ahazia abakilahy i Jehorama, mpanjaka i Joda, ro lasa mpanjaka. ²Efa-polo roamby tao i Ahazia laha nanomboky nanjaka; nanjaka herintao ta Jerosalema ao ie. Atalia ro anaran-dreniny; anak'ampela i Omry ie. ³Nandeha tamy ty lala ty tariha i Ahaba avao koa ie safe ty reniny ro mpanomen-tsay azy tamy ty fananova-raty. ⁴Nanao ze raty tamaso Yaveh eo i Ahazia, manahaky ze nanovy ty tariha i Ahaba, safe ndrozy ro mpanome say tafara ty nahafatesa babany, ho amy ty faharavany. ⁵Nanaraky ty torohevitsin-drozy avao koa ie; nandeha niaraky tamy i Jorama anakilahy i Ahaba, mpanjakan'Israely ie, mba hialy amy i Hazaela, mpanjaka i Syria, ta Ramota-gileada any. Nandratsy an'i Jorama Syriana rey. ⁶Nimpoly ta Jezirela any i Jorama mba hanafaky ty ratsy ze nanovin-drozy taminy ta Rama any, tamy ie nialy tamy i Hazaela, mpanjaka i Syria. ka le nijotso ta Jezirela any i Ahazia anakilahy i Jehorama, mpanjaka i Joda, mba hanenty an'i Jorama anakilahy i Ahaba, safe naratsy i Jorama. ⁷Sady ty faharava i Ahazia ro nandesin-Janahary tamy ty famangia i Ahazia an'i Jorama. Lafa avy ie, le niaraky tamy i Jehorama mba hanafiky an'i Jeho anakilahy i Nimsy, ze fa nitinginy i Yaveh handrava ty tariha i Ahaba. ⁸Sady lafa nanatanteraky ty fitsaran-Janahary tamy ty tariha i Ahaba i Jeho, le nahita mpitariky an'i Joda noho anakilahy ty rahalahy i Ahazia nanompo an'i Ahazia ie. Nivonoe i Jeho ndrozy. ⁹Nila an'i Ahazia i Jeho; nisamborin-drozy tam-pivarina ao ta Samaria ao ie, nandesy tamy i Jeho any, ka le nivonoe ie. Bakeo nalevin-drozy ie, fa hoasan-drozy hozao: "Ia ro anakilahy i Josafata, ze nnila an'Yaveh tamy ty fony iaby." Sady le tsy nana fahefa hanapaky ty fanjaka sasy ty tariha i Ahazia. ¹⁰Sady lafa hita i Atalia, reniny i Ahazia fa maty ty anakilahiny, le nitsanga ie sady namono anaky mpanjaka iaby tamy ty tariha i Joda rey. ¹¹Kanefa i Joseba, anak'ampela ty mpanjaka, nangalaky an'i Joasy, anakilahy i Ahazia, sady nangalaky azy tamy anakilahy ty mpanjaka rey eo ze vonoe. Napetsakiny tamy ty efitsano firorao ao ie noho ty mpiteza azy. Sady Joseba, anak'ampela i Jehorama Mpanjaka, valy i Jehoiada mpisoro (fa anabavy i Ahazia ie), namony azy tamy i Atalia, mba tsy hamonoa i Atalia azy. ¹²Niara-nanatsiky tamin-drozy tan-tsanon'Janahary ao tanay ty enin-tao ie, laha mbo i Atalia ro nanjaka tamy ty tany eo.

Chapter 23

¹Tamy ty tao faha fito, le nampitoro ty heriny i Joiada sady nanao fifanenkea tamy mpifehy rey ty anj-jatony, le Azaria anakilahy i Jerohama, Ismaela anakilahy i Johanana, Aziria anakilahy i Obeda, Mahaseia anakilahy i Adaia, sady Elisafara anakilahy i Zikri. ²Nana Joda any ndrozy sady namory Levita rey baka amy tanà i Joda iaby rey, noho olo ty longon'Israely rey, sady niavy ta Jerosalema ao ndrozy. ³Nanao fifanenkea tamy ty mpanjaka tan-tsanon-Janahary ao ty egilizy iaby. Hoasa Joiada tamin-drozy hozao: "Ingo, hanjaka ty anakilahy ty mpanjaka, manahaky ty nivolany Yaveh mikasiky ty tariha i Davida rey." ⁴Zao ro tsy maintsy anovonareo: ty raiky ampahatelonareo mpisoro noho Levita ze avy hanompo amy ty Sabata, le ho mpiemby amy ty varavara rey. ⁵Ty ampahatelonany hafa amy ty tsano ty mpanjaka any, sady ampahatelonany hafa amy ty Vavahady ty Fototsy any. Ty olo iaby ro ho tan-kianja ty tsano Yaveh any. ⁶Mba ka misy olo engabmana an-tsano Yaveh ao, hafa-tsy mpisoro rey noho Levita ze manompo. Mahazo militsy ndrozy safe voatoka. Fa ty olo hafa iaby ro tsy maintsy manenky lily Yaveh rey. ⁷Tsy maintsy miodidy ty mpanjaka amy ty lafiny iaby Levita rey, ty olo iaby miaraky amy ty kobai-faliany an-tanany eny. Ndra ia ndra ia militsy amy tsano iny ao, le engao ie ho vonoe. Miaraha amy ty mpanjaka lafa militsy noho miaboaky ie. ⁸Laha zay Levita rey noho Joda iaby ro nanompo tamy ty fomba iaby ze nibekoa i Joiada mpisoro. Samby nangalaky lahilahiny rey ty kirai-draiky, ze ho avy hanompo amy ty Sabata rey, noho ze hiala ty fanompo amy ty Sabata, safe Joiada, mpisoro, ro tsy mba nandroaky ndra ia ndra ia tamy ty fizarandrozy. ⁹Bakeo Joiada, mpisoro, nanday lefo ho ahy mpifehy rey noho anaky fiaro kelikely noho bevata ze ahy Davida Mpanjaka ze tan-tsanon-Janahary ao. ¹⁰Nalahatsy i Joda maramila iaby rey, ty lahilahy kirai-draiky samby niaraky tamy ty kobay fandesy mialy tan-tanany eny, bakeo amy ty ilany havana ty egilizy zisiky amy ty ilany havia ty egilizy any, nanaraky ty alitara noho ty egilizy, niodidy ty mpanjaka. ¹¹Le nandesin-drozy niboaky ty anakilahy ty mpanjaka, napetaky taminy eo ty satso-boninahitsy, sady namea azy ty lalà ty fanenkea. Le nanovin-drozy ho mpanjaka ie, sady nanosotsy azy i Joiada noho anakilahiny rey. Le hoasan-drozy hozao: "Ho ela velo lahy ty mpanjaka." ¹²Lafa ré i Atalia ty korakoraky ty olo lako nilay noho nanompo ty mpanjaka, le namonjy ty olo lako tan-tsano Yaveh ao ie. ¹³Sady nanenty ie, ka le ingo, nitsanga tanila ty andry tamy ty filira ty mpanjaka eo, sady tanila ty mpanjaka eo mpifehy rey noho mpitsoky trompetra rey. Nisiky noho nitsoky trompetra ty olo ty tany iaby, sady nititiky raha-maneno noho nitariky ty hira fanompoa mpihira rey. Bakeo Atalia nanataky ty akanjony sady nikoraky hoe: "Mpamaliky! Mpamaliky!" ¹⁴Bakeo Joiada, mpisoro, nanday nihoaky mpifehy rey ty an-jatony ze tamy ty tafiky eo sady nivola tamin-drozy hozao: "Aboaho anivo ty filahara eo ie; ze olo manoriky azy, engaho ie hovanoe amy meso bevata." Fa hoasa ty mpisoro hozao: "Mba ka vonoe an-tsano Yaveh ao ie." ¹⁵Laha zay le nanao lala ho azy ndrozy, sady nandeha amy ty lala ty Vavahady-sovaly nana amy ty tsano ty mpanjaka any ie, sady tany ro namonoan-drozy azy. ¹⁶Bakeo Joiada nanao fanenkea tamy ty vatany, noho ty olo iaby, noho ty mpanjaka, fa tokony ho olo Yaveh ndrozy. ¹⁷Laha zay le nilitsy tan-tsano i Bala ty olo iaby sady nandrava zay. Nitorotoron-drozy ty alitara i Bala noho sariny rey, sady nivonon-drozy taloha alitara rey eo i Matana rey, mpisoro i Bala. ¹⁸Sady Joiada nanondro manam-boninahitsy ho ahy ty tsano Yaveh tambany fehy mpisoro eo, ze Levita, ze nitondroe i Davida ho ahy ty tsano Yaveh, mba hanome fanomeza oroa ho an'Yaveh, manahaky ty voasoratsy amy ty lalà i Mosesy ao, niaraky-nifaly noho nihira, manahaky ty torohevitsy namea i Davida. ¹⁹Nampipetsaky mpiemby tam-bavahady ty tsano Yaveh i Joiada, mba tsy hisy ndra raiky ze naloto tamy ty fomba lako tokony hilitry. ²⁰Nandesy i Joiada niaraky taminy mpifehy ty an-jatony rey, lahilahy manan-kaja rey, governora ty olo lako rey, noho olo ty tany iaby rey. Nandesy nijotso baka amy ty tsano i Yaveh ao ty mpanjaka; namonjy baka amy ty Vavahady Anabo eny nana amy ty tsano ty mpanjaka any ty olo sady nampipetsaky ty mpanjaka ho amy ty seza fipetsaham-panjaka eo. Ka le nifalifaly ty olo iaby tamy tany iny ao, sady nilamy ty tanà. ²¹Laha ty amy i Atalia, le nivonoan-drozy tamy ty meso-bey ie.

Chapter 24

¹Fito tao i Joasy lafa nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty efapolo tao ta Jerosalema ao ie. Ty anaran-dreniny le Zibiz, baka Berisheba any. ²Joasy ro nanao ze marina tamaso Yaveh eo tamy ty andro iaby niaina i Joiada, mpisoro. ³Nangala-baly roe ho azy i Joiada, sady niteraky aja lahilahy noho ajampela ie. ⁴Tafara zay, le tapa-kevitsy ty hampimpoly amy ty velohany ty tsano Yaveh i Joasy. ⁵Navoriny niaraky mpisoro rey noho Levita rey, sady hoy ie tamin-drozy hozao: "Mandehana isan-tao amy ty tanà i Joda any sady memorial jala baka amy Israely iaby mba hanamboara ty tsano Njanaharinareo. Anovo azo antoky fa hanomboky amy zay nareo." Tamy ty velohany ro tsy nanao ndra ino ndra ino Levita rey. ⁶Sady ty mpanjaka nampikaiky an'i Joiada, mpisoro bey, sady nivola taminy hozao: "Nanino ro tsy nandesinao Levita baka a-Joda any rey noho Jerosalema ty haba ze navory i Mosesy mpanompo Yaveh noho egilizin'Israely rey, ho amy ty lay ty lalà ty fanenkea?" ⁷Fa anakilahy i Atalia rey, azy ampela raty fanahy iny, nanoro raha-masy iaby rey tan-tsano Yaveh ao ho ahy Bala rey. ⁸Ka le nibeko ty mpanjaka, sady namboatsy kesiky ndrozy sady nampipetsaky zay tambaliky ty filira mana an-tsano Yaveh eo. ⁹Lafa zay le nanao fanambara nameno an'i Joda noho Jerosalema ndrozy, ty mba handaisa ty olo lako hoa hy Yaveh ty haba ze navory i Mosesy mpiasan--Janahary tamy Israely tamaliky any. ¹⁰Le nifaly mpitariky rey noho ty olo lako iaby ka le nanday jala sady nampipetsaky tamy kesiky rey zisiky mahafeno androzy zay. ¹¹Isaky ty manday ty kesiky ho amy ty manam-boninahitsy any ty mpanjaka Levita rey, sady isaky ze hitan-drozy fa misy jala lako anay zay ao, le avy ty mpanora-dalà ty mpanjaka noho ty manam-boninahitsy ty mpisoro bey, ka le nandrava ty kesiky, noho nangalaky zay sady nanday zay himpoly ho amy ty toerany eo. Nanao zay isan'andro san'andro ndrozy, namory jala lako. ¹²Namea ty mpanjaka noho Joiada ho ahy ze nanao ty asa fanompoa rey tan-tsano Yaveh ao ty jala. Nampikarama mpanao tsano noho mpandrafitsy lahilahy rey mba hampimpoly tamy ty velohany ty tsano Yaveh rey, sady niasa tao avao koa mpamboatsy vy noho saba rey. ¹³Le nivozaky ty mpiasa, sady ty asa fanamboara ro nandroso tan-tanan-drozy eo; namboarin-drozy manahaky ty endrikiny rey tamy ty velohany tsano Yaveh iny sady nampaherezy zay. ¹⁴Lafa vitan-drozy, le nandesiny tamy Joiada any noho ty mpanjaka ty amby jala. Jala zay ro nampiasa hananova fanaky ho ahy ty tsano Yaveh, kojakoja andesy manompo rey noho hananova fanomeza--- sotso noho kojakoja volamena noho volafoty. Tsy nijano nanome fanomeza oroa tamy ty tsano Yaveh ao ndrozy tamy ty andro i Joiada iaby. ¹⁵Niha antitsy noho hoela andro iaina i Joiada, sady le maty ie; 130 tao ie ro maty. ¹⁶Nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida ao niaraky tamy ty mpanjaka rey ie. safe fa nanao ty soa ta Israely any, tamin-Janahary, sady tamy ty tsanon-Janahary ie. ¹⁷Sady tafara ty nahafaty i Joiada, le avy mpitariky i Joda rey sady nankàtò ty mpanjaka. Le nijanjy androzy ty mpanjaka. ¹⁸Nahafoty ty tsano i Yaveh, azy Njanahary ty razambey ndrozy iny, sady manompo njanahary rey Aseraha noho sampy rey. Niavy tamy i Joda noho Jerosalema ty helokin-Janahary noho fananovan-drozy zay. ¹⁹Nefa naniraky mpaminany ho ahy amin-drozy le mba handay androzy himpoly aminy any, Yaveh ndraiky; nitsanga vavolombelo hanohitsy ty olo lako mpaminany rey fe nandà ty hijanjy androzy. ²⁰Niavy tamy i Zakaria anakilahy i Joiada, azy mpisoro rey ty fanahin-Janahary; nitsanga tanabo ty olo lako eo Zakaria sady nivola tamin-drozy hozao: "Zao ro volanin-Janahary: nanino ro mandika lily Yaveh rey nareo, ka le tsy mahita fitahia? Ka le safe nahafoty an'Yaveh nareo, le nahafoty anareo avao koa Ie." ²¹Kanefa ndrozy nitetiky hanohitsy azy; tamy lily ty mpanjaka rey, le nitora-bato azy tan-kianja ty tsano Yaveh eo ndrozy. ²²Tamy fomba zay, Joasy, mpanjaka, le tsy niraharaha ty hasoam-panahy nanovy i Joiada, baba i Zakaria, taminy. Fa koa, namono ty anakilahy i Joiada ie. Lafa maty i Zakaria, le hoasa ndrozy: "Yaveh lahy hahita zao sady hamaly anao." ²³Sady tamy ty fihafara ty tao, le niakatsy hanohitsy an'i Joasy ty tafiky i Syria. Niavy ta Joda ao noho Jerosalema ao ndrozy; nivonoan-drozy ty mpitariky ty olo lako iaby sady nandefa gadra iaby rey ho amy ty mpanjaka i Damaskosy any ndrozy. ²⁴Ty tafiky Syriana rey ro avy niaraky tamy ty tafiky kelikely, fa Yaveh ro nanome androzy fandrese a tamy tafiky bevata le bevata rey eo, safe nahafoty an'Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy rey ty Joda. Tamy zay ro nitsara ty Syriana an'i Joasy. ²⁵Tamy ty fotoa nandehana Syriana rey, le fa naratsy maré i Joasy. Mpiasany rey avao koa ro nitetiky hanohitsy azy noho ty famonoa anakilahy i Joiada rey, mpisoro. Nivonon-drozy tanabo fandreany rey eo ie, sady le maty; nalevin-drozy tamy ty tanà i Davida ao ie, fa tsy tamy ty fanasa mpanjaka rey. ²⁶Olo rey ro nitetiky ze hanohitsy azy: le Zabada anakilahy i Simata, Amonita iny; sady Jozabada anakilahy i Simrita, azy Moabita iny. ²⁷Amy zao ty mikasiky ty anakilahiny, ty faminania bevata ze nivolana ty mikasiky azy, noho ty fanorena ndraiky ty tsano Yaveh Njanahary, ingo, fa voasoratsy amy ty boky ty Tantara ty mpanjaka ao zay. Amazia anakilahiny, ro nanjaka nanolo ty pilasiny.

Chapter 25

¹Ropolo limy amby tao i Amazia laha nanomboky nanjaka; nanjaka ropolo sivy amby tao ta Jerosalema ao ie. Joadana ro anaran-dreniny, baka Jerosalema ao. ²Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, fe tsy tamy ty fony iaby. ³Sady lafa nitafapetsaky soa ty fanjakany, le namono mpiasa ze namono ty babany rey, mpanjaka ie. ⁴Kanefa tsy namono anaky mpamono rey ie, fa nanao manahaky ze voasoratsy tamy ty lalà ao, tamy ty boky i Mosesy, manahaky ty nibekoa Yaveh hoe: "Engaho ty raiky tsy ho maty noho ty anakiny, na ty anaky maty noho ty raiky. Fa koa, tokony ho maty noho ty otany avao ty olo kirai-draiky."⁵Ka le, navory i Amazia niaraky ty Joda, sady nandramby an-tsoratsy ty anaran-drozy manaraky ty tariha ty razambeny iaby, tambany mpifehy ty arivo raiky rey eo noho mpifehy ty zato—Joda noho Benjamina iaby. Nisahiny nanomboky tamy ty ropolo tao miakatsy ndrozy, sady ty 300 000 lahilahy voaresaky rey, afaky mandeha an'aly, ze afaky mitanjaky lefo noho fiaro. ⁶Nanakarama lahilahy mpialy 100 000 baka amy Israely avao koa ie tamy ty talenta volafoty zato.⁷Fa nisy lahilahy Njanahary raiky taminy eo sady nanao hozo: " mpanjaka, mba ka enga hiaraky aminao ty tafiky Israely, safe Yaveh tsy mitahy ty Israely—na ty olo lako i Efraima. ⁸Kanefa na le mandeha noho mahery fo sady mahery an'aly aza iha, le handavo anao anila ty fahavalonao eo Njanahary, safe Njanahary ro mana fahefa hanampy, noho fahefa handavo."⁹Le hoasa Amazia tamy azy lahilahy Njanahary iny hozo: "Ka le ino zay ro anovinay mikasiky ty talenta zato ze fa nameako ho ahy ty tafiky Israely rey?" Azy lahilahy Njanahary namaly hozo: "Yaveh ro afaky manome anao lako mihoatsy noho zay." ¹⁰Ka le nisaraha i Amazia ty tafiky baka aminy noho ty baka amy i Efraima; sady nanoviny noly ndraiky ndrozy. Ka le nirehitsy maré tamy i Joda ty helokin-drozy, sady le noly tamin-keloky maré ndrozy.¹¹Sady Amazia nana herim-po sady nitariky ty olo lakony niboaky ty Loham-baibo; tao ro nandreseny lahilahy raialy rey baka Seria any. ¹²Nisambotsy-velo raialy hafa rey ty tatiky i Joda. Nandesin-drozy tam-pony any ty haram-bato ndrozy sady navariny baka eny, mba hanorotoroe androzy iaby.¹³Fa lahilahy ty tafiky ze nampoly i Amazia rey, mba tsy handehan-drozy miaraky aminy an'aly any, le nanafiky tanà i Joda rey zisiky a-Samaria any ka le zisiky a-Beti-horona any. Nandavo olo lako telo arivo noho nangalaky gadra lako ndrozy.¹⁴Sady lafa tavela baka amy ty famonoa ty Edomita i Amazia, le nanday njanahary rey ty olo lako i Seira, noho nampipetsaky androzy mba ho Njanahary manoka ie. Nanfohaliky taloha rey eo ie sady nandoro litan-kazo manitsy ho ahy rey. ¹⁵Laha zay le nirehitsy tamy i Amazia ty heloky Yaveh. Nandefa maminany ho aminy any le, ze nanao hozo: "Nanino iha ro nila njanahary ty olo lako rey ze tsy nahasarombaky olo lakony rey antananao eo iaby?"¹⁶Sady laha mbo niresaky taminy ty mpaminany, le hoasa ty mpanjaka taminy hozo: "Moa va zahay fa nanao anao ho mpanome-say ty mpanjaka? Engao zay! Nanino iha ro tokony ho vonoa?" Sady le nijano azy mpaminany iny sady nanao hozo: "Haiko fa nanapa-kevitsy ty handrava anao Njanahary safe nanao asa zay iha sady tsy nijanjy ty torohevitsiko."¹⁷Sady le nila hevitsy tamy mpanome-say rey i Amazia, mpanjaka i Joda sady naniraky mpanday hafatsy tamy Joasy anakilahy i Johaza anakilahy i Jeho any, mpanjakan'Israely, nanao hozo: "Avia, engaho tsika hifanatsiky tarehy amy ty aly."¹⁸Kanefa i Joasy mpanjakan'Israely nampimpoly mpanday hafatsy rey ho amy Amazia mpanjaka i Joda any, nanao hozo: "Fatiky raiky ta Libanona any nandefa hafatsy taminy sedera raiky ta Libanona any, nanao hozo: 'Ameo ho valy ty anakilahiko ty anak'ampelanao,' kanefa nisy biby-li raiky baka Libanona any nandefa teo sady nitolo fatiky iny."¹⁹Iha fa nanao hozo: 'Ingo, fa nandavo an'i Edoma zaho,' sady ty fonao ro nampirengirengy anao. Mirengirengy amy ty fandreseanao, neda mipetsaky avao an-tsano any, fa nanino iha ro tokony hiteraky koronta noho fahalavoa, ho ahy ty vatanao noho Joda miaraky aminao?"²⁰Fe tsy nijanjy Amazia, safe baka amy Njanahary raha zay, mba hafahany manome ty olo lakony i Joda ho an-tana fahavalony rey eo, safe fa nila hevitsy baka amy njanahary i Edoma rey ndrozy. ²¹ka le nanafaky i Joasy, mpanjakan'Israely ; ie noho Amazia, mpanjaka i Joda, le nifanojo-tarehy ta Beti-semey ao, ze ahy i Joda, ²²Lavo tanilan'Israely eo ty Joda, sady nilay noly ty lahilahy iaby.²³Joasy, mpanjakan'Israely, ro nanambotsy an'i Amazia anakilahy i Joasy anakilahy i Ahazia, mpanjaka i Joda, ta Beti-semey ao. Nandesiny ta Jerosalema any ie sady nandrivatsy ty vala i Jerosalema zisiky amy ty Vavahady Efraima any ka le zisiky amy ty Vavahady amy sisiny any, ze nihalaviry ty efa-jato hakiho. ²⁴Nalany iaby ty volamena noho ty volafoty iaby, ty raha iaby ze hita tan'tsanon-Jannahary ao niaraky tamy i Obed-edoma, sady raha manan-danja rey tan-tsano ty mpanjaka ao, niaraky tamy takalon'ay avao koa, sady le nimpoly ta Samaria any.²⁵Amazia anakilahy i Joasy, mpanjaka i Joda, le niay folo limy amby tao tafara ty nahafaty an'i Joasy, anakilahy i Joahaza, mpanjakan'Israely. ²⁶Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Amazia rey, ty velohany noho ty farany, ingo, moa va ndrozy tsy fa voasoratsy tanay ty boky mpanjaka i Joda noho Israely rey ao?"²⁷Sady nanomboky tamy ty fotoa ze nivily i Amazia tamy ty fanaraha an'Yaveh, le nanomboky nanao tetiky hanamboara azy ta Jerosalema any ndrozy. Nilay ta Lakisy any ie, kanefa ndrozy naniraky lahilahy nanaraky azy ta Lakisy any sady namono azy tany. ²⁸Nandesin-drozy nimpoly tambyty sovaly ie sady nandevy azy niaraky tamy razambeny rey tan-Tanà i Joda ao.

Chapter 26

¹Ty olo lako i Joda iaby nangalaky an'i Ozia, ze folo enin'amby tao, sady nanao azy ho mpanjaka amy ty toera i Amazia babany ao. ²Ie ro namboatsy ndraiky an'i Elota sady nampimpoly namboatsy zay ho an'i Joda. Tafara i zay le nimaty tamy razambeny any ty mpanjaka rey. ³Folo enin'amby tao i Ozia ro nanomboky nanjaka. Nanjaka tanay ty dimampolo roa amby tao ta Jerosalema ao ie. Jekolia ro anaran-dreniny; baka Jerosalema any ie. ⁴Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, nNzraky ty hohatsy namea i Amazia, babany, tamy ty raha-iaby. ⁵Nanome ty vatany mba hila an-Janahary tamy ty andro i Zakaria, ze namea androzy torolala tamy ty fankatoava an-Janahary ie. Laha mbo nila an'Yaveh ie, ke nitahy azy Njanahary. ⁶Niboaky i Ozia sady nialy tamy ty Filistina. Niravany ty vala ty tanà ta Gata ao, Jabne sady Asdoda; namboatsy tanà-bevata tamy ty tanà i Asdosa ao noho tamy ty Filistina eo ie. ⁷Nampean-Janahary nanohitsy an'i Filistina rey ie, nznohitsy ty Arabo ze nipetsaky ta Gorabala ao, sady nanohitsy Meonita rey. ⁸Nandoa fanomezam-boninahitsy ho an'i Ozia ty Amonita, sady niparitaky ty lazany, na le zisiky amy ty filira i Egypta any aza, safe nihanatanjaky ie. ⁹Fanampy zay, namboatsy tilikambo ta Jerosalema ao i Ozia ze tamy ty Vavahady amy sisiny eo, tamy ty Vavahadim-Baibo, noho tamy ty fihodiha ty vala eo, sady nampahery rey. ¹⁰Namboatsy tilikambo fiembena tam-baliky any ie sady nihaly fipetsahan-drano lako, safe nana biby haré lako ie, tamy ty tany lonaky any noho tamy ty maiva any. Nana hare noho mpamboly voaloboky tamy ty fipetsaha any noho tamy ty tany vohitsy noho tamy ty baibo mamokatsy any ie, safe teany ty fiharéa noho fambolea. ¹¹Fanampy zay, nana tafiky lahilahy mpialy i Ozia ze niboaky isaky goropy mba hialy ze voalamy manahaky ty isakiny ze nisahy i Jeielà, mpanora-dalana, noho Mahaseia, manam-pahefa, tambany fahefa i Hanania eo, daily tamy mpifehy ty mpanjaka rey. ¹²Ty fiharoa ty hisa loha ty longon-draza rey, lahilahy mpialy, le 2600. ¹³Tambany fahefan-drozy eo ro nisy tafiky 307 500 lahilahy ze nialy tamy ty hery bevata mba hanampy ty mpanjaka hanohitsy ty fahavalo. ¹⁴Nihomany i Ozia ho ahin-drozy—ho ahy ty tafiky iaby—fiaro rey, lefo, fiarovan-doha, fiarovan-tratra vy, kititsy, noho vato ampiasa amy ty antsamotaly. ¹⁵Nanamboatsy rapolany lako ta Jerosalema ao, ze niforony lahilahy manam-pahaiza rey, nanao tamy ty tilikambo eny noho tan-doha ty vala eny, ze nandefasa anaky kititsy noho vato bevata. Niparitaky zisiky amy ty tany lavitsy ty lahy, safe nahazo fanampea lako ie zisiky-hiaviany ho tena mahery ie. ¹⁶Fa lafa niha-natanjaky i Ozia, le nirengirengy ty fony ka le nanao ty tsy marina ie; nivaliky tamy Yaveh, Njanahary ie, safe nana an-tsano i Yaveh ao mba handoro litan-kazo manitsy tamy ty alitara ty litan-kazo manitsy eo. ¹⁷Azaria, mpisoro i Yaveh valo-polo, ze lahilahy bey herim-po. ¹⁸Nanohitsy an'i Ozia, mpanjaka ndrozy, sady nivola taminy hozao: "Tsy anjaranao, Ozia, ro mandoro ty litan-kazo manitsy ho ahy Yaveh, fa ahy mpisoro rey, anakilahy i Arona rey, ze voamasy ro mandoro ty litan-kazo manitsy rey. Miboaky tamy ty fipetsaha masy ao, fa tsy nahatoky iha sady tsy hamean'Yaveh Njanahary voninahitsy. ¹⁹Le neloky i Ozia. Nitandraky lovia tan-tanany eny ie mba handoroa ty litan-kazo manitsy. Sady laha mbo neloky tamy ty mpisoro ie, le nisy hanoka niboaky tamy ty handriny eo taloha mpisoro rey tan-tsano Yaveh ao, tanila alitara iny eo ho ahy ty litan-kazo manitsy. ²⁰Azaria mpisorobey iaby ro nanenty azy, ingo, nanjary boka tamy ty handriny eo ie. Niroahin-drozy malaky teo ie. ka le niboaky malaky tokoa ie, safe namaly azy Yaveh. ²¹Ozia, mpanjaka, ro boka mandra-pahafatiny ka le nipetsaky tamy ty fonena mitoka any zisiky amy ty nahaboka azy any, safe nalany tamy ty tsano Yaveh ao ie. Jotama, anakilahiny, ro tan-dapa ty mpanjaka ao sady nanapaky ty olo lako ty tany. ²²Sady laha ty amy ty raharaha hafa mikasiky an'i Ozia, velohany sady farany, le amy ze nisorata Isaia anakilahy i Amosa ao, mpaminany. ²³Sady nimaty tamy ty razambeny any i Ozia; nalevin-drozy niaraky tamy razambeny rey tamy ty tany fandevena ao ze ahy ty mpanjaka rey ie, fa hoasan-drozy hozao: "Boka ie." Jotama, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny.

Chapter 27

¹Ropolo limy amby tao i Jotama laha nanomboky nanjaka; nanjaka folo enin'amby tao ta Jerosalema any ie. Jerosa ro anaran-dreniny; anak'ampela i Zadoka ie. ²Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, nanaraky ty ohatsy nanovin-dreniny, le i Ozia, tamy ty raha iaby. Nijano tamy ty filira tan-degilizy Yaveh eo avao koa ie. Nefa mbo nanday vatany tamy ty fomba raty avao ty olo lako. ³Namboatsy ty vavahady anabo ty tsano i Yaveh ie, namboatsy lako tamy ty vohitsy i Ofela eo. ⁴Fanampy zay le namboatsy tanà tamy ty tany vohitsy i Joda any, noho namboatsy rova noho tilikambo tamy ala rey any ie. ⁵Nialy tamy ty mpanjaka ty olo lako i Amona avao koa ie sady nandresy androzy. Tamy tao zay avao, ro nanomeza ty olo lako i Amona azy talenta volafoty zato, vary tritriky raily aly avao, vary hordea ray aly avao. Namea ty olo lako i Amona azy manahaky zay avao ie ty tao faharoe noho fahatelo. ⁶Ka le nihanahery i Jotama safe nandeha nahity taloha Yaveh Njanahariny eo. ⁷Sady ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Jotama rey, ty aliny iaby, sady lalany rey, ingo, voasoratsy amy ty boky ty mpanjakan'Israely rey noho Joda ao zay. ⁸Ropolo limy amby tao ie laha nanomboky nanjaka; nanjaka anay ty folo enin'amby tao ta Jerosalema ao ie. ⁹Nimaty tamy razambeny rey any i Jotama, sady nalevin-drozy tan-tanà i Davida ao ie. Ahaza, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka nanolo ty pilasiny.

Chapter 28

¹Ropolo tao i Ahaza ro nanomboky nanjaka, sady nanjaka folo enin'amby tai ta Jerosalema ao ie. Tsy nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty nanovy i Davida razambeny. ²Fa koa, nandeha tamy ty lala mpanjakan'Israely rey ie; namboatsy sarin-draha araraky ho ahy Bala avao koa ie. ³Fanampy zay, nandoro emboky manitsy tamy ty Loham-baibo i Bena-hinoma ao ie sady nandefa anany tanay afo ao, manahaky asa fanompoan-tsampy ty olo ze nifiriseva Yaveh hiala tamy ty taniny taloha ty olo lakon'Israely rey eo. ⁴Nanao soro noho nandoro litan-kazo manitsy tamy ty fipetsaha abo ao noho tamy vohitsy rey eny sady tambany ty hazo maintso iaby rey any ie. ⁵Laha zay Yaveh Njanahary i Ahaza, le nanome azy tan-tana ty mpanjaka i Syria eo. Nandresy azy ty Syriana sady nanday olo lako gadra lako niala taminy eo, nanday androzy nana Damaskosy any. Nanome tan-tana ty mpanjakan'Israely eo ze nandresy azy tamy ty famonoa bevata avao koa Ahaza. ⁶Fa Peka anakilahy i Remalia, le namono maramila 120 000 ta Joda ao tanay ty ndraik'andro ao, lahilahy bey herim-po iaby rozy iaby, safe ndrozy ro nahafae an'i Yaveh, Njanahary ty razamben-drozy iny. ⁷Zikry, lahilahy mahery raiky baka Efraima any, namono an'i Mahaseia anakilahy ty mpanjaka, Azrikama, manam-pahefa amy ty lapa eo, sady i Elkana, ze anila ty mpanjaka. ⁸Ty tafik'Israely ro nangalaky gadra 200 000 valy, anakilahy, sady anak'ampela iaby tamy longon-drozy rey. Nangalaky gadra lako bevata avao koa ndrozy, ze nandesiny nimpoly ta Samaria any. ⁹Fa nisy mpaminany Yaveh raiky tany, Obeda ro anarany. Niboaky mba hitsena ty tafiky ze avy baka a-Samaria any ie. Hoy ie tamin-drozy hoo: "Safe Yaveh, Njanahary ty razambenareo iny, neloky tamy i Joda, ke nanome androzy tan-tananareo eo ie. Fa namono androzy tamin-keloky ze mahatakatsy ty lanitsy nareo. ¹⁰Sady midiniky ty hitanjaky lahilahy rey noho ampela i Joda noho Jerosalema ho andevonareo nareo. Fa moa va nareo tsy meloky tamy fahotanareo tamy Yaveh Njanaharinareo rey? ¹¹Ka le amy zao, mijanjina ahy: Alefaso gadra, ze nalanareo rey tamy rahalahinareo rey, fa mirehitsy aminareo ty heloky Yaveh." ¹²Sady mpitariky reg ty olo lako i Efraima ilany —Azaria anakilahy i Johanana, Berekia anakilahy i Mesilemota, Jehizkia anakilahy i Saloma, sady i Amasa anakilahy i Hadlay, nitsanga hanohitsy ze nimpoly baka amy ty aly rey any. ¹³Hoasan-drozy tamin-drozy hoo: "Engaho tsy handay gadra rey atoy nareo, safe mila handay raha ze hampanota anay hanohitsy an'Yaveh nareo, mba hanampy otanay rey noho fahadisoanay rey, fa bey ty fahadisoanay, sady misy firehetan-keloky amy Israely." ¹⁴Ka le nanenga gadra rey noho tea rey tanila ty mpitariky noho goropy iaby lahilahy mitanjaky fialia rey. ¹⁵Niary lahilahy ze voatondro rey tamy ty anarany sady nangalaky gadra rey, noho nampisiky iaby rey tsy nampisiky rey iaby tsy nisiky tamin-drozy eo niaraky tamy gadra rey. Nampisikin-drozy rey sady nameany kapa. Namean-drozy hany hohany noho raha-inomy ndrozy. Nitsabo ty fandratsin-drozy sady mampipetsaky malemy rey tanabo borikin-drozy eo. Nandesin-drozy nimpoly tamy ty longony any ta Jeriko any ndrozy, (kaihy hoo Tanà ty Palma). Bakeo le nimpoly ta Samaria any ndrozy. ¹⁶Tamy fotoa zay Ahaza Mpanjaka ro nandefa mpanday hafatsy tamy mpanjaka i Asyria rey any mba hangataky androzy hanampy azy. ¹⁷Safe mbo avy ndraiky Edomita rey sady nanafiky an'i Joda, nanday gadra rey. ¹⁸Filistina rey avao koa ro nanafiky tanà tany lonaky rey noho ty ahy i Negeva a-Joda ao. Nalan-drozy i Beti-semesy, Aialona, Gederota, sady Soko noho anaky vohitsiny rey, Timna noho anaky vohitsiny rey, sady Gimzo noho anaky vohitsiny rey avao koa. Nandeha nipetsaky tamy toera rey any ndrozy. ¹⁹Fa Yaveh nampieny an'i Joda noho i Ahaza, mpanjakan'Israely, safe ie nanao raty ta Joda ao noho nanota maré bibiky tamy Yaveh vatany. ²⁰Tiglato-pilesera, mpanjaka i Asyria, ro avy taminy teo sady nanankoronta azy laha vatany nampahery azy. ²¹Fa i Ahaza ro nitea ty tsano i Yaveh noho longo ty mpanjaka rey sady mpitariky rey, mba hanome raha-sarotsy ho ahy ty mpanjaka i Asyria rey. Fe tsy nazahoany tombony ty fananova zay. ²²Ahaza Mpanjaka io avao ro nanohitsy bevata tokoa an'Yaveh tamy ty fotoa ty fijaleany. ²³Safe nanao soro tamy njanahary i Damaskosy rey ie, njanahary ze fa nandresy azy. Hoy ie hoo: "Safe nanampy androzy ty njanahary ty mpanjaka i Syria rey, ro hisoro ho androzy zaho, mba hanampy ahy ndrozy." Kanefa faharava ho azy noho Israely iaby ndrozy. ²⁴Navoriny i Ahaza fanaky tamy ty tsanon'Janahary rey ao sady nitapatapahany. Nahiliny varavara ty tsano Yaveh rey sady nanao alitara ho azy tamy ty zoro i Jerosalema iaby ie. ²⁵Tamy ty tanà i Joda iaby any ro nananovany fipetsaha abo mba hanoro soro ho ahy njanahary hafa. Nianty an'i Yaveh, azy Njanahary ty razambeny iny ie. ²⁶Sady ty sisa tamy asany rey, noho lalany iaby rey, velohany sady farany, le ingo, fa voasoratsy amy ty boky mpanjaka i Joda noho Israely rey ao. ²⁷Nimaty tamy ty razambeny ao i Ahaza, sady nalevin-drozy tamy ty tanà ao, ta Jerosalema ao ie, fa tsy nandesin-drozy tamy ty lolo rey any mpanjakan'Israely rey. Hezekia, azy anakilahiny iny, ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 29

¹Nanomboky nanjaka i Hezekia tamy ty faha ropolo limy amby taony; nanjaka tanay ty ropolo sivy amby tao ta Jerosalema any ie. Ty anaran-dreniny ro Abia; anak'ampela i Zakaria. ²Nanao ze marina tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty fa nanovy i Davida babany. ³Tamy ty tao velohany nanjakany, tamy ty vola velohany, ke namoha varavara ty tsano Yaveh rey i Hezekia sady namboatsy rey. ⁴Nampilitsy mpisoro noho Levita rey ie, sady namory androzy niaraky tamy ty kianja ao tamy ty ilany antinana. ⁵Hoy ie tamin-drozy hozao: "Mijanina ahy, nareo Levita! Hamasino ty vatanareo, sady hamasino ty tsano Yaveh, azy Njanahary ty razambenareo iny, sady alao hiala amy ty fitoera masy ty fahalotoa. ⁶Fa nanota razambetsika sady nanao ze raty tamaso Yaveh Njanaharintsika eo; nahafoy Azy ndrozy, nampiodiky ty tarehin-drozy niala tamy ty toera ze hipetsaha Yaveh, sady nampitoliky ty lambosin-drozy ho amy zay. ⁷Nihilin-drozy avao koa varavara ty lavaranga rey sady nivonoany ty Jiro; tsy nandoro litan-kazo manitsy ndrozy na fanomeza oroa tamy ty toera masy ao ho ahy azy Njanaharin'Israely iny. ⁸Laha zay le nilatsaky tamy i Joda noho Jerosalema ty heloky Yaveh, sady nanoviny manahaky ty raha fangorohoroa, fampitahora, noho fangalabaraka, ndrozy, manahaky ty hitanareo amy ty masonareo. ⁹Zay ro dikany nahalavo baban-tsika rey tamy ty meso bevata, noho nahatea anakilahintsika rey, noho anak'ampela rey, sady valintsika rey. ¹⁰Amy zao le am-poko ato ty hanao fanenkea amy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, mba hiala ty heloky m maré amintsika. ¹¹Anako e, mba ka tsy tea zao, safe Yaveh fa nitingy anareo mba hitsanga alohany eo, mba hanompo Azy, sady mba ho mpiasany noho emboky manitsy. ¹²Bakeo le nitsanga Levita rey: le Mahata anakilahy i Amasay, noho Joela anakilahy i Azaria, baka amy ty olo Kohalita; sady olo i Merary rey, Kisy anakilahy i Abdia, noho Azaria anakilahy i Jehalalila; sady Gersonita rey, Joa anakilahy i Zima, sady Edena anakilahy i Joa; ¹³baka amy anakilahy i Elizafana rey, Simry noho Jeiela; sady baka amy anakilahy i Asafa rey, Zakaria sady Matania; baka amy ty anakilahy i Asafa, Zakaria sady Matania; ¹⁴baka amy ty anakilahy i Hemana, Hehiela sady Simey; sady baka amy ty anakilahy i Jedotona, Semaia sady Oziela. ¹⁵Namory rahalahiny rey ndrozy, sady nanamasy ty vatany, ka le nilitsy, manahaky ty nibekoa ty mpanjaka, tamy ty fanaraha safy Yaveh rey, mba hanalino ty tsano Yaveh. ¹⁶Nilitsy tamy ty efitsy anay tsano Yaveh ao mpisoro rey mba hanalio zay; nandesin-drozy niboaky ty loto iaby ze hitany tan-degilizy Yaveh ao an-kianja ty tsano ao. Nala Levita rey zay mba hangala zay an-doham-baibon-driaky i Kidrona ao. ¹⁷Sady natombokin-drozy ty fanamasina tamy ty andro veloha ty vola velohany. Sady tamy ty andro fahavalo ty vola ro nitanjaky tamy ty lavaranga Yaveh eo ndrozy. Sady tanay ty volo andro hafa avao koa ro nanamasy ty tsano Yaveh ndrozy. Tamy ty andro faha folo enin'amby vola velohany ro vitan-drozy zay. ¹⁸Bakeo ndrozy nandeha tamy i Hezekia any, mpanjaka iny, tamy ty lapa ao sady nivola hozao: "Fa nanalio ty tsano Yaveh iaby zahay, ty alitara ho ahy fanomeza oroa miaraky amy ty fampiharany iaby, noho ty latabatsy ty mofo ty famonjea, miaraky amy ty fampiharany iaby. ¹⁹Ka le fa nioma zahay sady fa nihamasinany fitaova iaby rey ze nala i Ahaza mpanjaka tamy ie mbo niasa tsy am-pahatokia tanay ty fanjakany ie. Ingo, anila ty alitara Yaveh eo rey. ²⁰Bakeo Hezekia mpanjaka nifoha maray sady namory namory mpitariky rey ty tanà; nandeha niakatsy tamy ty tsano Yaveh any ie. ²¹Nanday aomby lahy fito, aondrilahy firo, anak'aondry fito, sady aosilahy fito ho fanomeza noho ty ita ho ahy ty fanjaka, ho ahy ty fitoera masy, sady ho ahy i Joda ndrozy. Nibeko mpisoro rey, anakilahy i Arona rey ie, mba hanesy rey amy ty alitara Yaveh eo. ²²Ka le nivonon-drozy ty aomby, sady nirambesy mpisoro rey ty lio ka le nararakny tamy ty alitara eo. Nivonon-drozy ty aondry lahy sady nararakiny tamy ty alitara eo ty lio; nivonon-drozy avao koa anak'aondry rey sady nararakiny tamy ty alitara eo ty lio. ²³Nandesin-drozy taloha ty mpanjaka eo noho ty goropy aosilahy rey ho fanomeza noho ty ota; napetsakin-drozy tamy zay eo ty tany. ²⁴Nivonon-drozy mpisoro zay, sady nanao fanomeza noho ty ota tamy ty lio tamy ty alitara rey eo mba hananova fanavota ho an'Yaveh ndrozy, safe nibeko ty mpanjaka fa tokony hisy fanomeza oroa noho fanomeza noho ty ita hanovy ho an'Israely iaby. ²⁵Napetsaky i Hezekia tamy ty tsano Yaveh ao niaraky tamy ty kitapo, harpa, sady lokanga Levita rey, nalahatsiny manahaky ty beko i Davida, Gada, azy mpahita ty mpanjaka iny, noho Natana, azy to-resaky iny, safe baka amy Yaveh tamy ty alala ty to-resaky rey ty beko. ²⁶Nitsanga niaraky tamy raha-maneno i Davida rey Levita rey, sady mpisoro niaraky tamy trompetra rey. ²⁷Nibeko androzy mba hanome fanomeza oroa ho amy ty alitara iny i Hezekia eo. Lafa nanomboky ty fanomeza oroa, le nanomboky avao koa ty hira Yaveh, niaraky tamy trompetra rey, mbamy raha-maneno i Davida rey, mpanjakan'Israely. ²⁸Nihira iaby ty egilizy iaby, nihira mpihira rey, sady nitsoky mpitsoky trompetra rey; nitohy iaby iaby avao rey zisiky hahavita ty fanomeza oroa. ²⁹Lafa vitan-drozy ty fanomeza, ke nandohaliky noho nangataky ty mpanjaka noho iaby ze nanatsiky niaraky taminy rey. ³⁰Hafa ny zay, Hezekia, mpanjaka iny, noho mpitariky rey le nibeko tamy ty Levita rey mba hihira fanompoa ho ahy Yaveh tamy ty safy i Davida noho Asafa mpahita. Nihira fanompoa tam-pifalea ndrozy, sady nandohaliky noho nanompo. ³¹Le hoasa Hezekia hozao: "Amy zao le nanamasy ty vatanareo ho ahy Yaveh nareo. Avia eto ka le andeso ho an-tsano ao i Yaveh ao soro rey

noho fanomezam-pisaora rey." Nandesy ty fiangona soro rey noho fanomezam-pisaora rey, sady iaby ze nana fo atsiky fitea rey ro nanday fanomeza oroa.³² Aombilahy fitopolo, aondrilahy zato, sady anak'aondry lahy roanjato ro hisa fanomeza oroa nandesy ty egilizy rey. Ho fanomeza oroa ho an'Yaveh iaby iaby rey.³³ Aomby eninjato noho aondry telo arivo ty fanomeza voahisaky rey.³⁴ Fa tsy ampy maré mpisoro rey laha hampiendaky ty holitsy ty fanomeza oroa rey, ka le nanampy androzy ty rahalahiny, Levita rey, zisiky-mahavita ty asa, sady zisiky-mahafaky mpisoro nanamasy ty vatan-drozy rey, fa niemby ty hanamasy ty vatan-drozy vatany noho mpisoro Levita rey.³⁵ Fanampy zay, le nisy fanomeza oroa lako maré; nampiaraha tamy ty sabora ty fanomeza-pihombona rey, sady nisy fanomeza oroa iaby. Ka le nilamy soa ty fanompoa tan-tsano Yaveh ao.³⁶ Nifalifaly Hezekia, sady ty olo lako iaby avao koa, noho ze fa namean-Janahary ho ahy ty olo, safe vita malaky ty asa.

Chapter 30

¹Nandefa hiaraky tamy Israely noho Joda iaby i Hezekia, sady koa nanoratsy taratasy ho ahy i Efraima noho Manase, fa tokony ho avy an-tsano Yaveh ao a-Jersalema any ndrozy, mba hankalaza ty Paska ho an'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny. ²Fa ty mpanjaka, mpitarikiny rey, noho ty egilizy iaby ta Jerosalema any ro niaraky nandiniky, nanapa-kevitsy ty hankalaza ty Paska amy ty vola faharoe. ³Tsy afaky nankalaza zay eo noho eo anefa ndrozy, safe tsy ampy mpisoro ze nanamasy ty vatan-drozy rey, na ty olo ze niaraky nivory ta Jerosalema any. ⁴Hoy marina tamaso ty mpanjaka eo noho ty egilizy iaby toro-hevitsy zay. ⁵Ka le nanenky ty hanao fanambara mameno an'Israely iaby ndrozy, zisiky a-Beriseba any ka le zisiky a-Dana any, fa ty olo lako ro tokony ho avy hankalaza ty Paska ho an'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ta-Jerosalema ao. Fa ndrozy ro tsy niemby zay niaraky tamy ty olo lako hisaky, manahaky ze voasoratsy. ⁶Laha zay iraky rey ro nandeha nanday ty taratasy baka amy ty mpanjaka noho mpitarikiny rey nameno an'Israely noho Joda iaby, manahaky ty beko ty mpanjaka. Hoasan-drozy hozao: "Nareo olo lakon'Israely, mimpolia amy Yaveh, azy Njanahary i Abrahama iny, Isaka, sady Israely, mba himpoliany amy ty sisa tavela aminareo ze tafaboaky iaby tan-tana mpanjaka i Asyria eo. ⁷Engaho nareo tsy hitovy amy ty razambenareo na ty rahalahinareo, ze nanota tamy Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy iny, ka le nandravany androzy, manahaky ty hitanareo. ⁸Sady mba ka mahery loha, manahaky razambenareo rey; fa koa, manomeza vata ho an'Yaveh nareo sady nilira amy ty fipetrahany masy ao, ze fa nihamasiny mandrakizay, sady nanompo an'Yaveh Njanaharinareo mba hiala aminareo ty fireheta ty siaky. ⁹Fa laha mimpoly amy Yaveh nareo, le hahita tangoraham-po aloha ze nanday androzy ho gadra ty rahalahinareo rey noho ty anakinareo, ka le himpoly amy tany toy ndrozy. Fa Yaveh Njanaharinareo, ro mahari-po noho mpamalo fo, sady tsy hamony ty tarehiny aminareo, lana mimpoly Aminy nareo." ¹⁰le lasa hiaraky rey nandeha isan-tanà nameno ty faritsy i Efraima noho Manase, ty lala iaby nana Zebolona any, fa nihehy noho nikizaky androzy ty olo. ¹¹Ndra zay aza, ty ilany tamy ty lahilahy i Aseraha noho Manase ro nampizotso vata ka le niavy ta Jerosalema any. ¹²Niavy tamy i Joda avao koa ty tanan-Janahary, mba hanome fo raiky androzy, mba hanantanteraky ty lily ty mpanjaka noho ty mpitariky rey tamy ty alala ty safy Yaveh. ¹³Olo lako atsiky, egilizy bevata vatany, ro tafa vory ta Jerosalema any mba hankalaza ty fifalefalea amy ty Mofo tsy Masira tamy ty vola faharoe. ¹⁴Le nitsanga ndrozy sady nangalaky alitara ze ta Jerosalema any rey, noho alitara iaby rey ho ahy ty lintan-kazo manitsy reg; natorakin-drozy famu ty Lohan-driaky Kidrona any zay. ¹⁵Bakeo le namono ty anak'aondry ty Paska ndrozy tamy ty andro faha golo efatsy amby vola faharoe. Menatsy mpisoro rey noho Levita rey, ka le nanamasy ty vatany noho nanday fanomeza oroa tan-tsano Yaveh ao ndrozy. ¹⁶Nitsanga tamy ty toerany iaby manahaky ty fizaràny eny ndrozy, manaraky ty torolala namea tamy ty lalà i Mosesy ao rey, azy lahilahy Njanahary iny. Nararaky mpisoro rey ty lio ze nirambesiny baka amy ty tana Levita rey. ¹⁷Safe nisy lako tamy ty egilizy ro tsy nanamasy ty vatany. Laha zay le namono ty anak'aondry ty Paska ho ahy ty olo iaby tsy voalio noho tsy afaky nanamasy ty soron-drozy ho ahy Yaveh Levita rey. ¹⁸Fa olo lako mare, lako tamin-drozy baka Efraima noho Manase any, Isakara noho Zebolona, ro tsy nanalio ty vatany ie, neda nihina ty hany ty Paska avao ndrozy, ray manahaky ze fampianara voasoratsy. Le nivavaky ho androzy i Hezekia, nanak hozao: "Enga anie Yaveh soa hamalo fo ty olo iaby" ¹⁹ze mamboatsy ty fony nila an-Janahary, Yaveh, Njanahary ty razambeny iny, ndra tsy voalo tamy ty fahaliova manahaky ty fenitsy ty fitoera masy aza ie," ²⁰Ka le nijanjy an'i Hezekiah i Yaveh sady nanafaky ty olo lako. ²¹Ty olo lakon'Israely ze ta Jerosalema any niemby tan-kafalea mare ty fifalefalea amy ty Mofo tsy Masira tanay ty herin'andro. Levita rey noho mpisoro rey ro nanompo an'Yaveh isan'andro san'andro, nihira niaraky tamy ty raha-maneno maré ho an'Yaveh. ²²Sady Hezekiah nampahery Levita iaby ze mahatakatsy ty fanompoa an'Yaveh rey. Ka le nihina tan-kafalea fanahy ty gerin'andri ndrozy. nanome soro ho fanomezam-pihombona rey, sady nibebaky tamy Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy iny. ²³Sady ty egilizy iaby nanapa-kevitsy ty hankalaza tan-kafalea hafa, ka le nanao zay tan-kafalea androzy. ²⁴Sady Hezekia mpanjaka i Joda nanome aombilahy arivo raiky noho aondry fito arivo ho ahy ty egilizy ho fanomeza; sady mpitariky nanome aombilahy arivo raiky noho aondry noho aosy raialy ho ahy ty egilizy rey. Mpisoro lako hisaky ro nanamasy ty vatany. ²⁵Ty egilizy i Joda iaby, miaraky amy mpisoro rey noho Levita rey, sady ty olo lako iaby ze niaraky-avy baka Israely any, sady vahiny ze avy baka amy ty tanin'Israely rey any noho ze nipetsaky ta Joda any ro nifaly iaby. ²⁶Ka le nisy fifalea bevata ta Jerosalema ao, fa zisiky amy ty fotoa i Solomona anak'i Davida any, mpanjakan'Israely, ro tsy mbo nahita manahaky zay ta Jerosalema ao. ²⁷Sady nitsanga noho nitsipi-rano ty olo lako mpisoro rey, noho Levita rey. Re ty fon-drozy, sady ty vavakin-drozy niakatsy an-danitsy any, fipetsahamasy iny ze ipetsahan-Janahary.

Chapter 31

¹Sady lafa vita iaby zay, le niboaky ho amy ty tanà i Joda rey any ty olo lakon'Israely iaby ze tany ka le nanorotoro vato lako rey noho nanapaky bao i Aseraha rey, sady naravan-drozy ty fipetsaha abo noho alitara tamy i Joda ao noho Benjamina, noho ta Efraïma ao sady Manase iaby, zisiky-maharava androzy iaby. Ke nimpoly ty olo lakon'Israely iaby, ty kirai-draiky tamy ty fananany any noho ty tanàny iaby.²Nitondro i Yezekeia ty fizarà ty mpisoro rey noho Levita voalamy rey manahaky ty fizaràn-drozy, ty lahilahy kirai-draiky nitondroe tamy ty asany, le mpisoro noho Levita rey. Nitondrony ndrozy mba hanao ty fanomeza oroa noho fanomeza iharoa, mba hanompo, mba hanome fisaora, sady mba hanompo amy vavahady ty egilizy i Yaveh rey eo.³Nitondrony avao koa ty anjara ty mpanjaka ho ahy ty fanomeza oroa baka amy fananany manoka rey, zay ro, ho ahy ty fanomeza oroa maray noho fanomeza oroa hariva, sady ty fanomeza oroa ho amy ty andro sabata, vola vaovao rey, noho ty andro fifalefalea voatondro, manahaky ze voasoratsy amy ty lalà Yaveh ao.⁴Hafa ny zay, nibeko ty olo lako ze nipetsaky ta Jerosalema any mba hanome anjara ho ahy ty mpisoro rey noho Levita rey ie, mba hafahan-drozy nifantoky amy ty fankatoava ty lalà i Yaveh.⁵Vatany vo nalefa ty beko, le namea ty olo lakon'Israely tamy ty fahalala-tana veloham-bokatsy ty vary rey, divay vaovao, solo-bonio, tantely, noho ty baka amy vokatsy tam-baibo ahy rey. Nandesin-drozy ty ampahafolo ty raha iaby; ze tena bevata maré.⁶Ty olo lakon'Israely noho Joda ze nipetsaky tamy ty tanà i Joda ao rey avao koa ro nanday ty ampahafolo tibby haré noho aondry, sady ty ampahafolo ty raha-masy ze natoka ho an'Yaveh Njanaharin-drozy rey, sady navorin-drozy ho raiky zay.⁷Tamy ty vola fahatelo ro nanombohan-drozy namory ty fandrambesa anjarahy ho daiky, ka le niarahan-drozy tamy ty vola fahafito.⁸Lafa avy sady nanenty ty navoriny rey i Hezekia noho mpitariky rey, le nisaotsy an'Yaveh an'Yaveh noho ty Israely olo lakon-drozy.⁹Bakeo Hezekia nanontany an'i mpisoro rey noho Levita rey mikasiky ty dikantany.¹⁰Azaria, mpisoro bey, baka amy ty foko i Zodoka, namaly azy sady nanao hozo: "Safe olo lako nanomboky nanday fanomeza rey tan-tsano Yaveh ao, le nihina zahay ka le vintsy, sady atsiky ambiny, safe fa nitahy Yaveh ty olo lakony. Raha rey bevata tena bevata eto rey ro ambiny."¹¹Le nibeko ty hanoma tsano fanajaria an-tsano Yaveh ao i Hezekia, ka le nihomanin-drozy zay.¹²Bakeo nandesin-drozy tam-pitokisa azy fanomeza, ty ampahafolony noho raha ze an'Yaveh rey. Konania, azy Levita iny, ro mpitandraky niantoky rey, sady Simey, rahalahiny, ro faharoe nanampy azy.¹³Jehiela, Azazia, Nahata, Asahela, Jerimota, Jozabada, Eliala, Jismakia, Mahata, sady Benaia ro mpitandraky tambany fahefa i Konania noho Simey rahalahiny eo, tamy ty fanondroe i Hezekia, mpanjaka, noho Azaria, manam-boninahitsy tamy ty tsanon-Janahary eo.¹⁴Kore anakilahy i Jimna azy Levita rey, mpiemby varavara tan-tinana ty vavahady eo, ro tamy ty fanomeza an-tsitsapo eo ho an-Janahary, niantoky ty fizarà fanomeza masy bibiky rey.¹⁵Tambany fahefany eo ro nisy an'i Edena, Miamina, Jesoa, Semaia, Amaria, sady Sekania, tamy ty tanà mpisoro rey ao. Natsehin-drozy fahatokisa anjara fanompoa rey, mba hanomeza fanomeza rey ho ahy ty rahalahin-drozy isam-pizarà, ro ty manan-danja noho ty tsy manan-danja.¹⁶Namean-drozy avao koa lahilahy telo tao rey manany, ze voahisaky tamy ty fanorata an-tsoratsy ao razambeny ze nilitsy tan-tsano Yaveh ao rey, manahaky ze nitake ty fanovy andavan'andro, mba hanao ty asa tamy anjara fanombohany rey noho fizaran-drozy.¹⁷Nizaran-drozy ho ahy ty mpisoro manahaky ty fanorata an-tsoratsy razambeny, sady manahaky zay koa ho ahy ty Levita ropolo tao rey manany, manahaky ty asa fanompoany noho fizaran-drozy.¹⁸Tafilitsy anay zay ty anany maliniky, valiny rey, anakilahiny rey, sady anak'ampelany rey, mameny ty fiarahamonina iaby, safe ndrozy ro nahatoky tamy ty fitandrema ty vatan-drozy ho masy.¹⁹Ho ahy ty mpisoro rey, le tariha i Arona rey, ze tam-baibo any tamy anaky vohitsy any tan-tanàn-drozy ao, na tamy ty tanà iaby any, ro nisy lahilahy nitondroa tamy ty anarana mba hanome anjara ho ahy ty lahilahy rey tamy mpisoro rey eo, noho ho ahy ty iaby ze voahisaky tamy ty fanorata an-tsoratsy ao razambeny rey tamy ty Levita rey eo.²⁰Nanovy i Hezekia nameno an'i Joda iaby zay. Nitanterahany ze soa, marina, sady mahatoky tamaso Yaveh eo, Njanahariny.²¹Isaky ty tetik'asa ze natombony tamy ty fanompoa tan-tsanon-Janahary ao, ty lalà, sady lily rey, mba hila ty Njanahariny, le nitanterahany tamy ty fony iaby zay, ka le nimety ie.

Chapter 32

¹Tafara raha rey noho asam-pitokisa rey, le avy sady nilitsy ta Joda ao i Sankeriba, mpanjaka i Asyria. Nipetsaky hanafiky tanà rey mivala ie, ze nidinihy handevozy.²Lafa hita i Hezekia fa avy i Sankeriba sady ie te hialy amy i Jerosalema, ³le nifampidiniky tamy mpitarikiny rey noho lahilahy manam-pahefà rey ie ty hampihantona ty rano reg loharano ze tambaliky ty tanà eo; le nanampy azy hanao zay ndrozy.⁴Olo lako ro nivory noho nampihanto loharano iaby rey noho ty rano mirotsaky ze namakivaky ty anivo ty tany. Hoasan-drozy hozao: "Nanino ty mpanjaka i Asyria ro avy hila rano bey?"⁵Bey herim-po i Hezekia ka le nampitsanga ty vala iaby ze rava. Nampitsanga ty tilikambo ho abo vatany rey, noho ty vala hafa ambaliky any avao koa ie. Nampahery ty Milo tamy ty tanà i Davida ao avao koa ie, sady namboatsy kobay fialia noho fiaro lako maré.⁶ampipetsaky mpitariky maramila tamy ty olo lako eo ie. Namory androzy ho aminy eo tamy ty tany malalaky eo tamy ty vavahady ty tanà ie ka le nivola tam-pahereza tamin-drozy. Hoy ie hozao: ⁷"Mahereza noho matanjaha. Mba ka matahotsy na kivy noho ty mpanjaka i Asyria noho tafiky iaby rey miaraky aminy nareo, fa misy olo miaro antsika ze bevata mandilatsy noho ze miaro azy rey. ⁸Sandry ty nofotsy avao ro miaro azy, fa Yaveh, Njanaharintsika, koa ro miaro antsika, mba hanampy antsika, noho hialy ty alintsika." Ka le nampahery ty vatan-drozy tamy ty safa i Hezekia rey, mpanjaka i Joda olo lako rey.⁹Tafara zay, le naniraky mpiasany rey ho a-Jersalema any i Sankeriba, mpanjaka i Asyria (taloha i Lakisa ie, sady ty tafikiny iaby miaro azy), ho amy i Hezekia any, mpanjaka i Joda, noho ty olo lako iaby ze ta Jerosalema any. Hoy ie hozao: ¹⁰"Zao ro volany i Sankeriba, mpanjaka i Asyria: Ino ro hianteheranareo mba hiareta azy velirano a-Jersalema any?"¹¹Moa tsy mamitaky anareo va Hezekia, mba hahavy anareo ho maty ty mosary noho ty hetaheta, lafa mivola aminareo ie hoe: 'Yaveh Njahanintsika ro hanavotsy antsika an-tanà ty mpanjaka i Asyria eo.'? ¹²Moa va tsy Hezekia io avao ro nangalaky fipetraha abony rey noho alitarany rey sady nibeko ty Joda noho Jerosalema hozao: 'Amy ty alitara raiky eo ro tsy maintsy hanompoanareo, sady amy zay eo ro tsy maintsy hanoroanareo ty soronareo'?¹³Hainareo va ze fa nanoviko noho razambeko rey tamy halakoan'olo iaby rey baka amy ty tany hafa? Moa va afaky namonjy ty tanin-drozy tambany fahefako eo tamy ty fomba iaby va njanahary ty halakoa ty tany rey? ¹⁴Tamy ty njanahary eo iaby ty firenea ze narava ty razambeko rey, moa va nisy njanahary afaky ty namonjy ty olo lakony hiala tan-tanako eo? Nanino ty Njanaharinareo ro tokony hahasarombaky anareo amy ty fahefako eo? ¹⁵Ka mba enga handiso fanantena noho hitao anareo amy ty alala zay i Hezekia. Mba ka mino azy, fa tsy nisy njanahary ty firenea na fanjaka afaky namonjy ty olony tsy ho an-tanako eo, na nangalaky tsy ho an-tana razambeko eo rey. Ka le vo maiky fa ty Njanaharinareo ro hahasarombaky anareo amy ty tanako?"¹⁶Mbo nivola raty manohitsy an'Yaveh Njanahary noho manohitsy an'i Hezekia mpiasany aza mpiasa i Senkeriba rey. ¹⁷Nanoratsy taratasy avao koa i Senkeriba mba hikizaha an'i Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, sady nivola raty taminy. Hoy ie hozao: "Manahaky njanahary reny rey ty firenea ty tany rey ze tsy nahasarombaky ty olon-drozy tan-tanako eo, ty Njanahary i Hezekia avao koa ro tsy hahasarombaky ty olony hiala tsy ho an-tanako eo."¹⁸Nikaiky maré ty olo lako i Jerosalema ze tamy ty rindry ao tamy ty fivolana ty jiosy ndrozy, hampatahory ndrozy, mba hafahan-drozy mampigadra tanà iny. ¹⁹Niresaky mikasiky azy Njanahary i Jerosalema iny manahaky ty firesahan-drozy mikasiky ty njanahary ty olo ty tany hafa firenea, ze asa-tana ty olo avao, ndrozy.²⁰Hezekia, mpanjaka, noho Isaia, mpaminany, ro nivavaky noho raha zay ka le nikaiky maré tan-danitsy any ie. ²¹Naniraky anjely i Yaveh, mba hamono lahilahy mpialy rey, mpifehy rey, sady manam-pahefa rey ty mpanjaka tan-toby ao. Ka le nimpoly tamy ty henatsy ta-taniny any i Senkeriba. Lafa nana amy ty tsano ty njanahariny any ie, ke nivonoe ty ilany tamy anany rey tamy ty meso-bey tany ie.²²nahaky zay ro nanavota Yaveh an'i Hezekia noho olo mipetsaky i Jerosalema tamy ty tany i Sankeriba, mpanjaka i Asyria, sady tamy ty tana hafa iaby rey, ka le nanome androzy fiadana tamy ty fomba iaby. ²³Lako ty nanday fanomeza ho an'Yaveh ta Jerosalema any, noho fanomeza sarotsy ho an'i Hezekia mpanjaka i Joda, mba hahavy azy hanondrotsy tamaso ty firenea iaby rey eo nanomboky tamy fotoa zay.²⁴Sady tamy fotoa zay Hezekia ro mamaly fa ho maty. Nivavaky tamy Yaveh ie, ze nivola taminy sady nanome famantara azy fa ho afaky ie. ²⁵Nefa Hezekia tsy mba namaly an'i Yaveh tamy ze soa namea azy, fa niavonavo ty fony. ka le avy taminy, noho tamy i Joda mbamy i Jerosalema ty heloky. ²⁶Ndra zay aza, le nampijotso vata ty avonavom-pony avao Hezekia, ie noho olo mipetsaky rey i Jerosalema, ka le tsy avy tamin-drozy ty heloky Yaveh anay ty andro i Hezekia.²⁷Nana hanana lako maré noho voninahitsy vatany i Hezekia. Nanao efi-tsano fanajaria ho ahy ty volafoty, volamena, vato sarotsy, noho ho ahy ty hanitsy rey, sady koa ho ahy ty fiaro rey noho raha-manan-danja samby hafa karaza rey ie. ²⁸Nana tsano fanajariam-bokatsy ho ahy ty vary, divay vaovao, solo-bonio, sady tsano fihinanam-bibiy ho an'i biby haré karazany iaby rey avao koa ie. Nana aondry noho aosy tam-balany ao avao koa ie. ²⁹Fanampy zay, nanao tanà ho azy avao koa ie sady nana aondry noho aosy noho aomby lako, fa Njanahary nanome azy hanana lako bibiky.³⁰Hezekia io ro nanampy ty loharano baka anabo tany Gihona any, noho

nampirotsaky zay ho amy ty ilany andrefa ty tanà i Davida any. Nimety tamy ty asany iaby i Hezekia rey. ³¹Ndra zay aza, ty amy ty raha mikasiky ty masoivoho ty mpanjaka i Babylona rey, ze niraha hana aminy any mba hampipetsaky-fanontania mikasiky rey ze nampahery, ty mikasiky azy fahaiza mahatseriky ze fa nanovy tamy ty tany rey teo, le niala azy ho raiky Njanahary, mba hahaiza azy, sady hahaiza ze iaby tam-pony ao. ³²Laha ty amy ty raha hafa mikasiky an'i Hezekia, anay zay ao asa tsy fivaliham-panenkea rey, ingo fa voasoratsy amy ty Fahita i Isaia To-resaky Anakilahy i Amosa ao rey, noho amy ty boky mpanjaka i Joda rey ao noho Israely. ³³Nimaty tamy razambeny rey any i Hezekia, ka le nalevin-drozy tamy ty vohitsy abo misy lolo ty tariha i Davida any ie. Nanome voninahitsy azy tamy ty nahafaty azy ty Joda iaby noho ty olony Jerosalema. Sady Manase anakilahiny ro nanjary mpanjaka nibeko azy.

Chapter 33

¹Folo roa amby tao i Manase laha nanomboky nanjaka; anay ty dimam-polo limy amby tao ta Jerosalema any ie.

²Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie, manahaky ty raha mampangoritsy ty firenea ze fa nalà i Yaveh rey tanila ty olo lakon'Israely eo. ³Fa nampitsanga ndraiky ty fipetsaha abo ze nirava i Hezekia babany rey, sady nampitsanga alitara ho an'i Bala rey ie, nanao baon'Aseraha rey ie, sady nandohaliky tamy basia ty lanitsy rey eo, sady nanompo androzy.⁴Namboatsy alitara fanompo-sampy tan-tsano i Manase, na le nibeko azy Yaveh hozao: "A-Jersalema any ro ipetsaha ty anarako mandrakizay." ⁵Namboatsy alitara ho ahy ty basia ty lanitsy iaby tamy ty kianja rise ty tsano Yaveh any ie. ⁶Nioroa tam-baibo i Ben-hinoma any anakilahiny rey. Namboatsy aoly nohonsikily ie; namaky fanentea ie; sady nandeha tamy ze mivola amy ty maty rey any ie noho mivola amy ty fanahy rey. Nanao raha-raty lako tamaso Yaveh eo ie sady niaritsy ty helokin-Janahary.⁷Ty sary sokitsy i Aseraha ze namboary, napetsaky tan-tsano Njanahary ao zay. ty mikasiky tsano io ro nivolanin-Janahary tamy i Davida noho Solomona anakilahiny; zay ro volaniny: "Amy tsano toy eto noho a-Jersalema any, ze fa nitinginiko tamy ty fokon'Isarely iaby, ro hametsahako ty anarako mandrakizay." ⁸Tsy hafaloky amy ty tany ze nitondroako ho ahy ty razamben-drozy sasy ty olo lakon'Israely, laha hohatsy ka miemby ze iaby nibekoako androzy, manaraky ty lalà, fitsipiky, sady lily ze nameako androzy rey tamy ty alala i Mosesy ndrozy." ⁹Nitarihny i Manase hanao raty lavitsy mandilatsy noho ty firenea ze fa narava Yaveh rey tanila ty olo lakon'Israely eo i Joda noho ty olo mipetsaky ta-Jerosalema ao.¹⁰Niresaky tamy i Manase noho tamy ty olony i Yaveh, fa tsy niraharaha ndrozy. ¹¹Ka le nandesy i Yaveh taminy eo mpifehy ty tafiky rey ty mpanjaka i Asyria, ze nangalaky an'i Manase tamy ty rojo vy, namehy azy tamy ty rojo vy sady nampiboaky azy ho a-Babylona any.¹²Laha tanay ty fijalea ao i Manase, le nangataky tamy Yaveh, Njanahary, sady nampijotso maré ty vatany tanila ty Njanahary ty razambeny rey eo. ¹³Nivavaky taminy ie; sady Njanahary ro nangatahiny, ka le re Njanahary ty Fangatahany sady nandesiny nimpoly ho a-Jersalema any, tamy ty fanjakany any ie. Sady le hay i Manase fa Yaveh ro Njanahary.¹⁴Tafara zay, Manase ro namboatsy ambaliky vala tamy ty tanà i Davida eo, tamy ty ilany andrefa i Gihona eo, tam-baibo any, tamy ty filira amy ty Vavahadin-kazandrano eo. Niodidy ty vohitsy i Ofela ie sady nampitsanga ty vala ho tena abo. Nampipetsaky mpifehy mahery fo tamy ty tanà mivala eo iaby i Joda ie. ¹⁵Nalany tsy ho an-tsano Yaveh ao njanahary hafa rey, ty sampy, sady alitara iaby ze namboariny tam-bohitsy ty tsano Yaveh rey eny noho ta Jerosalema any, sady nariany tambaliky tanà ao zay.¹⁶Namboariny ndraiky ty alitara Yaveh sady nanome soro ho fanomezaka raiky noho fanomezam-pisaora teo ie; nibeko an'i Joda hanompo an'Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny ie. ¹⁷Ndra zay aza, ty olo lako ro mbo nanao soro tamy fipetsaha abo rey avao, nefa ho ahy Yaveh raiky, ze Njanaharin-drozy.¹⁸Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Manase rey, ty vavaky nanovy tamy Njanahary, noho ty safa ty mpahita ze nivola taminy rey tamy ty anara Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny, ingo, voasoratsy amy ty asa ty mpanjakan'Israely rey zay. ¹⁹Anay zay ao ty tantara ty vavaky nanoviny, noho ty fihetseham-pon-Janahary tamy zay. Ao avao koa ty fahotany noho hadisoany rey iaby, sady toera ze nampitsanganany fipetsaha abo rey noho nametsahany ty bao Aseraha rey noho ty sarin-jaha voakavitsy, taloha ty nampijotsoany ty vatany---voasoratsy amy ty Tantara Mpahita rey ao zay. ²⁰Sady nimaty tamy razambeny rey any i Manase, ka le nalevin-drozy tan-tsanony ao. Amona, anakilahiny, ro lasa mpanjaka nanolo azy.²¹Ropolo roa amby tao i Amora lana nanomboky nanjaka; nanjaka anay ty roe tao ta Jerosalema any ie. ²²Nanao ze raty tamaso i Yaveh eo ie, manahaky ze fa nanovy i Manase, babany. Nanao soro ho ahy ty sarin-jaha voasokitsy iaby ze fa nanovy i Manase babany i Amona, sady nanompo ndrozy. ²³Tsy nampijotso vata tanila i Yaveh eo ie, manahaky ze fa nanovy i Manase babany. Fa koa, Amona toy avao ro nanao hadisoa lako maré.²⁴Nanao tetiky hanohitsy androzy mpiasany sady namono azy tan-tsanony ao avao. ²⁵Fa ty olo ty tany namono rey iaby ze nitetiky hanohitsy an'i Amona Mpanjaka, sady nanovin-drozy ho mpanjaka nanolo azy i Josia, anakilahiny.

Chapter 34

¹Valo tao i Josia ro nanomboky nanjaka; nanjaka tanay ty telopolo raiky amby tao ta Jerosalema ao ie. ²Nanao ze marina tamaso Yaveh eo, noho nandeha tamy ty lala i Davida razambeny, sady tsy mba nivio nanankavana na manankavia ie. ³Sady tamy ty tao fahavalo nanjakany, laha mbo tanora ie, le nanomboky nila Njanahary iny i Davida, razambeny. Tamy ty faha folo roe amby tao, le nanomboky nanalio an'i Joda noho Jerosalema baka amy ty fipetsaha abo eo ie, ty bao ty Aseraha, noho ty sarin-draha voasokitsy sady ty sarin-draha vita tamy ty vy. ⁴Nirava ty olo lako tanilany eo alitara i Bala rey; nitapahiny ty alitara ty lintan-kazo manitsy ze tanabo rey eo. Nitorotorony bao i Seraha rey noho sarin-draha voasokitsy rey, sady sarin-draha vita amy ty vy zisiky havita rey ho lemboky. Naparitakiny tamy ty lolo ty ze nanao soro eo ho ahy zay ty lemboky rey. ⁵Nioroany tamy ty alitarany eo ty taola mpisorony rey. Manahaky zay ty fomba, nandiovany an'i Joda noho Jerosalema. ⁶Nanoviny manahaky zay koa tanà i Manase rey, Efraima, sady Simeona, ty lala iaby nana Naftaly any, noho tamy fandrava ze niodidy zay eo. ⁷Niravàny alitara rey, nitorony ho lasa lemboky bao Aseraha rey noho sarin-draha voasokitsy rey, sady nitapahiny ty alitara ty lintan-kazo manitsy nameno ty tany Israely iaby; nimpoly ta Jerosalema any ie bakeo. ⁸Sady tamy ty tao faha folo valo amby nanjakany, lafa voalio i Josia ty tany noho ty egilizy, le naniraky an'i Safana anakilahy i Azalia, Maseia, governora ty tanà, sady i Joa anakilahy i Joahaza mpanoratsy ie, mba hamboatsy ndraiky ty tsano i Yaveh Njanahary. ⁹Nana amy i Hilikia any, mpisoro bey ndrozy, sady nananky taminy ty jala ze nandesy tamy ty tsano Njanahary ao, ze fa navory Levita rey, noho mpiemby varavara baka amy i Manase noho Efraima, baka amy ty sisa tamy Israely iaby rey, baka amy i Joda noho Benamina iaby, sady baka amy ty olo i Jerosalema. ¹⁰Nankinin-drozy tamy lahilahy ze nanara-maso rey ty tamy ty egilizy Yaveh eo ty jala. Lahilahy rey ro nanakarama ty mpiasa ze namboatsy noho nampimpoly ty egilizy tamy ty velohany. ¹¹Naloan-drozy tamy mpandrafitsy rey noho mpananga rey zay mba hivilia vato voapaiky noho kata ho fametara, sady hanamboara andry ho ahy ty rafitsy ze nirava mpanjakan'i Joda ilany rey. ¹²Nanao ty asa tam-patokisa lahilahy rey. Mpanaramasony rey ro Jahata noho Obadia, Levita rey, baka amy ty anakilahy i Merary; sady Zakaria noho Mesolama, baka amy anakilahy i Kehatita rey. Levita hafa rey, ze mpititiky raha-maneno tena mahay iaby rey, mpanoro mariny mpiasa rey. ¹³Levita rey ro niantoky ze nanday ty fiasa ty tsano bey rey noho lahilahy iaby ze nanao ty asa samby hafa rey. Nisy avao koa Levita ze mpitanjaky-soratsy rey, mpanao, sady mpiemby vavahady. ¹⁴Lafa naboakin-drozy ty jala ze nandesy tan-tsano Yaveh ao rey, le hita i Hilikia mpisoro ty boky ty lalà Yaveh ze namea tamy ty alala i Mosesy rey. ¹⁵Hoasa Hilikia tamy i Safana mpanoraky-lalà hozao: "Hitako tan-tsano Yaveh ao ty boky ty lalà." Nandesy i Hilikia tamy i Safana any boky iny. ¹⁶Nandesy i Safana tamy ty mpanjaka any boky iny, sady nitatitsy taminy avao koa, nanao hozao: "Mpiasanao rey ro manao ty raha iaby ze nankiny tamin-drozy. ¹⁷Fa niraofin-drozy ty jala ze hita tan-tsano Yaveh ao, sady nameany tan-tana mpanara-maso rey eo noho mpiasa zay rey." ¹⁸Nivola tamy ty mpanjaka i Safana mpanoraky-lalà hozao: "Namea i Hilikia mpisoro boky zaho." Sady nivaky i Safana tamy ty mpanjaka zay. ¹⁹Sady lafa re ty mpanjaka safa ty lalà rey, le nanataky ty akanjony ie. ²⁰Ty mpanjaka nibeko an'i Hilikia, Ahikama anakilahy i Safana, Abdona anakilahy i Mika, Safana mpanora-dalà, sady Asaia, mpiasany manoka, nanao hozao: ²¹"Mandehana sady anontaneo ho ahy ty sitsapo Yaveh, sady koa ho ahy ze tavela a-Israely noho Joda any, noho ty safa azy boky ze fa hita iny. Fa bey zay, le ty heloky Yaveh ze fa nilatsaky tamintsika. Bey zay, noho razambentsika tsy nijanjy ty volaza ty boky ty mba fankatoava ze voasoratsy iaby tamy zay ao." ²²Sady Hilikia, noho ze nibekoa ty mpanjaka rey, le nana amy i Holda to-resaky ampela any, valy i Saloma anakilahy i Tokehata anakilahy i Hasra, mpanajary akanjo ty fisorona (Nipetsaky ta Jerosalema ao tamy ty tanà ambany ao ie), sady tamy fomba zay ro niresahin-drozy taminy. ²³Hoy ie tamin-drozy hozao: "Zao ro volany i Yaveh, Njanaharin'Israely iny: Volano azy lahilahy ze naniraky anareo tamiko tatoy iny hozao: ²⁴"Zao ro volany i Yaveh: Ingo, am-pandaiso loza amybtoera toy eo noho olony rey Zaho, ozo iaby ze fa voasoratsy tamy azy boky ze fa voavakin-drozy tanila ty mpanjaka i Joda rey eo. ²⁵Safe fa nahafoy Ahy sady fa nandoro ty lintan-kazo manitsy ho ahy ty njanahary hafa ndrozy. mba hoantsia Ahy ang ty heloky tamy raha iaby nanovin-drozy rey--- laha zay le hiraraky amy toera toy ty helokiko, sady tsy ho maty zay." ²⁶Fa ho ahy ty mpanjaka i Joda, ze naniraky anareo mba hanontany an'Yaveh ze tokony hanoviny, le zao ro ho volaninareo aminy: 'Yaveh, azy Njanaharin'Israely mivola zao: Ty amy ty safa ze renao, ²⁷safe iha ro tso-po, noho nampijotso vata tanila Njanahary eo lafa renao ty safany hanimba toera toy noho olony, sady safe iha nampijotso vata noho nitany tanilako eo, le fa nijanjy anao avao koa Zaho--- zay ro fanambara Yaveh--- ²⁸ingo, havoriko ho amy ty razambenao eo iha. Ho voavoriko amy ty lolonao ampialia ao iha, sady ty masonao ro tsy hahita ty loza ze ho andesiko amy ty toera toy noho olony rey." Nandesiny ty lahilahy tamy mpanjaka any hafatsy zay. ²⁹Bakeo ty mpanjaka naniraky mpanday hafatsy ka le namory ty olo bey i Joda noho Jerosalema iaby. ³⁰Sady niakatsy tan-tsano Yaveh ao ty mpanjaka, noho lahilahy i Joda iaby rey sady olo i Jerosalema, noho mpisoro, rey Levita rey, sady ty olo lako iaby,

zisiky amy ty bey ka le zisiky amy ty kelikely. Sady nivaliny tamin-drozy ty safa iaby ty boky ty Fanenkea ze hita tan-tsano Yaveh ao.³¹Nitsanga tamy ty fipetsaha ty mpanjaka sady nanao fanenkea tanila Yaveh eo, fa hanaraky an'Yaveh, noho hiemby liliny rey, fitsipikiny rey, sady lalàny rey, amy ty fony iaby noho ty fanahiny iaby, hankatò safe nifanenkea ze voasoratsy amy boky zay ao rey.³²Nivola tamy ty olo iaby ze hita ta Jerosalema noho Benjamina ao ie mba hanenky fanenkea iny. Tamy ty fankatoava ro nanova ty olo i Jerosalema ty fanenkean-Janahary, Njanahary ty razamben-drozy iny.³³Nala i Josia tamy ty tany eo raha tiva iaby ze ahy ty olo lakon'Israely rey. Nampanompoany an'Yaveh, Njanaharin-drozy ty olo iaby ta Israely any. Fa tamy ty androny iaby, le tsy nivio tamy ty fanaraha an'i Yaveh, Njanahary ty razambeny iny ndrozy.

Chapter 35

¹Niemby ty Paka ho an'Yaveh ta Jerosalema ao i Josia, sady nivonon-drozy tamy ty andro faha folo efatsy amby vola velohany aondry ty Paka rey. ²Napetsakiny tamy ty fipetrahany eny mpisoro rey ka le nampahereza tamy ty asa fanompoa ty tsano Yaveh ndrozy. ³Hoy ie tamy Levita ze nampianatsy ty Israely iaby rey noho ze voatoka ho an'Yaveh hozao: "Apetsaho amy ty tsano ze namboary i Solomona anakilahy i Davida ao, mpanjakan'Israely azy fiondrana masy iny. Sady tompò Yaveh Njanaharinareo, sady tompò Israely olo lakony. ⁴Mifabdamy noho ty fizaranareo, manahaky toromariky rey nisorata i Davida, mpanjakan'Israely, noho ahy i Solomona rey, anakilahiny. ⁵Mitsangana amy ty fipetsaha masy eny, rambeso ty pilasinareo noho ty fizaranareo amy ty tariha ty rahalahinareo rey ao, tariha ty olo lako rey, sady alao ty pilasinareo noho ty fizaranareo amy ty tariha ty razambey Levita rey ao. ⁶Vono ty aondry ty Paka, hamasino ty vatanareo, ameo ho ahy rahalahinareo rey ty aondry, mba hanovy manahaky ty safa Yaveh ze namea tamy ty alala ty tana i Mosesy. ⁷Namea aondry telo aly ho ahy ty olo lako iaby Josia sady anak'aosy tamy aondry noho aosy rey ho amy ty fanomeza ty Paska ho ahy ty iaby ze nanatsiky rey. Nanome aomby telo arivo avao koa ie; rey ro baka ahy ty fanana ty mpanjaka rey. ⁸Mpitariikiny rey ro nanome fanomezan-tsitsapo ho ahy ty olo lako, mpisoro rey, sady Levita rey. Hilikia, Zakaria, sady Jehiela, manam-boninahitsy niandraikitsy ty tsanon-Janahary, sady nanome anaky biby haré 2. 600 noho aomby telon-jato ho fanomeza ty Paska ho ahy mpisoro rey. ⁹Konania, noho Semahia sady Natanaela, rahalahiny, noho Hasabia, Jehiela, sady Jozabada, mpitariiky Levita rey avao koa, ro nanome biby harr kelikely dima arivo noho aomby diman-jato ho fanomeza ty Paska ho ahy Levita rey. ¹⁰Ka le vonona ty fanompoa, sady nipetsaky tamy ty fipetrahany eny mpisoro rey, niaraky tamy Levita rey manahaky ty fizaran-drozy rey, ¹¹Nivonon-drozy ty aondry ty Paka, sady nararaky ty tana mpisoro rey ty lio ze nirambesin-drozy baka amy ty tana Levita rey, sady Levita rey nangalaky ty holitsy anak'aondry rey. ¹²Nalan-drozy ty fanomeza oroa, mba hizarà ty ho ahy fizara ty tariha ty olo lako rey, mba hanomeza ty ho an'Yaveh rey, manahaky ty voasoratsy tamy ty Boky i Mosesy ao. Nanovin-drozy manahaky zay koa ty aomby rey. ¹³Nanovin-drozy tamy ty afo manahaky ty toromariky ty anak'andto ty Paska rey. Laha ty amy fanomeza nihamasiny rey, le nampandevazin-drozy tanay valany rey ao, valany bey, noho fanendaza rey, sady nilanjan-drozy malaky tamy ty olo lako iaby any zay. ¹⁴Tafara zay ro nanoma fanomeza ho ahy ty vatan-drozy noho ahy mpisoro rey ndrozy, safe mpisoro rey, tariha i Arona, ro sahira tamy ty fanomeza ty fanomeza oroa noho sabora mandra-paha haly ty andro, ka le nanoma fanomeza ho androzy noho ty mpisoro rey, tariha i Arona, Levita rey. ¹⁵Mpihira rey, tariha i Asafa, ro tamy ty pilasin-drozy ao, manahaky ty torohevitsy i Davida, Asafa, Hemana, sady Jedotona to-resaky ty mpanjaka, sady mpiemby ro tamy ty vavahady iaby rey. Tsy nahazo niala ty pilasiny ndrozy, safe Levita lahilahin-drozy rey ro nanao fanomana ho androzy. ¹⁶Lahabzay, tamy ty fotoa zay ty asa fanompoa an'Yaveh iaby ro nitandraha ho amy ty fankalaza ty Paka noho hanomeza fanomeza oroa amy ty alitara Yaveh eo, manahaky ty nibekoa i Josia mpanjaka. ¹⁷Ty olo lakon'Israely ze namonjy ro nitandry ty Paka tamy fotoa zay, sady bakeo ty Fifalefalea amy ty Mofo tsy Masira tanay ty fito andro. ¹⁸Tsy mbo nisy fankalaza tamy ty andro i Samoela to-resakiny, sady tsy nisy mihintsy tamy mpanjakan'Israely hafa nankalaza ty Paka manahaky ty nanovy i Josia rey, niaraky tamy mpisoro rey, Levita, noho ty olo lako i Joda noho Israely iaby ze teo, sady olo iaby mipetsaky ta Jerosalema rey ao. ¹⁹Nikendré Paka zay tamy ty faha folo valo amby tao nanjaka i Josia. ²⁰Tafara iaby zay, tafara ty nametsaha i Josia ty egilizy tamy ty velohany, le niakatsy mba hialy amy Karkemisy tamy ty ony Eofrata ao i Neko, mpanjaka i Egipta, sady Josia nandeha nialy taminy. ²¹Fe nandefa misoivoho taminy any i Neko, nivola hozao: "Ino ro tokony hanoviko anao, mpanjakan'i Joda? Tsy avy hanohitsy anao zaho androany, fa hanohitsy ty tsano ze hialiako. Nanovin-Janahary nandeha malaky zaho. ka le manindria fo amy ty fanohera an-Janahary, ze mikasiky ahy, lana tsy zay handrava anao Ie. ²²Ndra zay aza, le nandà ty hiala azy Josia. Noly nanova tarehy ie mba hafahany mialy aminy. Tsy nijanjy safa i Neko rey ze baka amy ty vavahadin-Janahary ie; ka le nandeha nialy tamy ty Loham-baibo i Megido any ie. ²³Nitifiry ty mpandefa anaky Kititsy i Josia mpanjaka, sady hoasa ty mpanjaka tamy mpiasany rey hozao: "Andeso zaho, fa tena maratsy maré. ²⁴Ka le naboaky mpiasany iaby tamy ty kalesa ie, sady napetsakiny tamy ty fanampi-kalesany ao. Nandesin-drozy ta Jerosalema any, ze nahafaty azy ie. Nalevy tamy ty lolo razambeny rey ie. Nisao an'i Josia ty Joda noho Jerosalema iaby. ²⁵Nanao hira fisaona ho an'i Josia i Jeremia; Amy mpihira lahilahy noho ampela iaby ro misao an'i Josia zisiky amy zao. Hira rey ro nanjary fomba ta Israely ao; ingo, voasoratsy amy ty hira fisaona ao rey. ²⁶Laha ty amy raha hafa mikasiky an'i Josia rey, noho asa soa nanoviny tamy ty fanenkea ze voasoratsy tamy ty lalà Yaveh ao rey--- ²⁷sady asany rey, nanomboky tamy velohany zisiky amy ty farany any, ro voasoratsy amy ty boky mpanjaka i Joda noho Israely rey ao.

Chapter 36

¹Bakeo ty olo tamy azy tany nangalaky an'i Joahaza anakilahy i Josia iny, ka le nanao azy mpanjaka tamy ty toera ty babany eo ta Jerosalema ao. ²Ropolo telo amby tao Joahaza laha nanomboky nanjaka, sady nanjaka telo volo ta Jerosalema ao ie. ³Nalà ty mpanjaka i Egipta ta Jerosalema ao ie, sady ty tany nampandoavy talents volafoty zato noho talenta volamena raiky. ⁴Nanovy ty mpanjaka i Egipta ho mpanjaka nameno ty Joda i Eliakima rahalahiny, sady nanova ty anarany ho Joiakima. Bakeo nalany i Joahaza rahalahy i Eliakima sady nandesiny ta Egipta any. ⁵Ropolo limy amby tao i Joiakima tamy ie nanomboky nanjaka, sady nanjaka folo raiky amby tao ta Jerosalema ao ie. Nanao ze raty tamaso Yaveh eo Njanahariny ie. ⁶Bakeo Nebokadnezzara, mpanjaka i Babylona, nanafaky azy noho nampibototsy azy tamy ty rojo mba hitariha azy a-Babylona any. ⁷Nanday ty asany tamy ty raha tan-tsano i Yaveh ao avao koa Nebokadnezzara, sady nampipetsaky tamy ty lapany rey any ta-Babylona any. ⁸Laha ty amy raharaha hafa mikasiky an'i Joiakima rey, raha mandaginy ze nanoviny rey, noho ze hita nanohitsy azy, le ingo, voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Joda rey ao noho Israely rey. Sady Joiakina, anakilahiny, ro nanjary mpanjaka tamy ty toerany eo. ⁹Valo tao Joiakima tamy ie nanomboky nanjaka; nanjaka telo volo noho folo andro ta Jerosalema ao ie. Nanao ze raty tamaso Yaveh eo ie. ¹⁰Tamy ty lohatao, ro naniraky lahilahy i Nebokadnezzara sady nanday azy ta Babylona any, niaraky tamy raha sarotsy baka an-tsano Yaveh ao rey, sady nanao an'i Zedekia, longony, ho mpanjaka nameno an'i Joda noho Jerosalema. ¹¹Ropolo raiky amby tao Zedekia tamy ie nanomboky nanjaka; nanjaka folo raiky amby tao Jerosalema ie. ¹²Nanao ze raty tamaso Yaveh Njanahariny eo ie. Sady tsy nampizotso vata aloha an'i Jeremia to-resakiny, ze nivola tamy ty vava i Yaveh ie. ¹³Zedekia avao koa ro niharo tamy i Nebokadnezzara, ze nampitahy azy tsy fivaliha taming tamy ty alala Njanahary. Nefa Zedekia nanampatsy ty hatony sady nampahery ty fony mba tsy hitoliky amy Yaveh, azy Njanaharin'Israely iny. ¹⁴Fanampy zay, mpitariky ty mpisoro rey noho ty olo lako ro tsy nahatoky tanteraky, sady nanaraky ty fomba mandaginy ty firenea rey ndrozy. Nilotoan-drozy ty tsano Yaveh ze nihamasininy ta Jerosalema any. ¹⁵Yaveh, azy Njanahary ty razamben-drozy rey, ro nandefa resaky avao tamin-drozy tamy ty alala mpanday hafatsiny rey, safe nana fangoram-po tamy ty olo lakony noho tamy ty toera nipetsahany Ie. ¹⁶Nefa nikiza mpanday hafatsy Njanahary rey ndrozy, natao tsy misy dikany ty vatany, sady nandratriaty olo to-resaky rey, zisiky hananova ty heloky i Yaveh tamg ty olo lakony, zisiky tsy mampisy fanampea ho ahy zay sasy. ¹⁷Laha zay le nandesy Njanahary tamin-drozy eo ty mpanjaka Kaldeana rey, ze namono ty zatovolahin-drozy tamy ty meso-bey tamy ty tsano fipetsaha masy any, sady tsy mba nana fangoram-po tamy zatovolahiny rey na aja ampela tsy mahasaky lahy rey, ndra ty olo antitsy ndra ty foty volo. Namean-Janahary tan-tanany eo iaby rozy iaby. ¹⁸Enta iaby tan-tsano Njanahary ao rey, ndra bevata ndra kelikely, hanana tan-tsano i Yaveh ao rey, noho hanana ty mpanjaka rey noho manam-boninahitsiny rey--- nandesiny ta Babylona any iaby rey. ¹⁹Nioroan-drozy ty tsano Njanahary, nakopakany ty vala i Jerosalema, nioroa ty lapany iaby, sady nitoroe raha soa tarehy iaby rey tamy zay. ²⁰Nandesy ty mpanjaka ta Babylona any ze tsy Tratsy ty meso-bey rey. Nanjary mpiasany noho an'i anakilahiny rey ndrozy zisiky hanjaka ty fanjaka i Persia. ²¹Nitsanga zay mba hahatanteraky ty safa Yaveh tamy ty vava i Jeremia, zisiky hitiava ty tany ty fijanonany amy ty Meso-bey. Nanara-maso ty Sabatany ndrozy laha rava noho haolo zay. mba hiay fitopolo tao manahaky zay. ²²Sady tamy ty tao velohany nanjaka i Kyrosy, mpanjaka i Persia, mba hanantanteraky ty safa Yaveh tamy ty vava i Jeremia, le nandrisiky ty fanahy i Kyrosy, mpanjaka i Persia i Yaveh, mba hananovany fana, bara mameno ty fanjakany iaby, sady hanoratsy zay avao koa. Hoy ie hozao: ²³"Zao ro ambara i Kyrosy, mpanjaka i Persia: Yaveh, azy Njanahary ty lanitsy iny, ro nanome ahy ty fanjaka ty tany iaby. Nibeko ahy Ie mba hampitsanga tsano ho Azy a-Jersalema any, ze a-Joda any. Ndra ia ndra ia aminareo eo baka amy ty olo lakony iaby, le hitahy anareo lahy Yaveh Njanaharinareo. Engaho ie hiakatsy amy azy tany iny any."

Ezra

Chapter 1

¹Tamy ty tao velohany nanjaka i Kyrosy, mpanjaka i Persia, le nanantanteraky ty safany ze naboaky ty vava i Jeremia, sady nanentana ty fanahy i Kyrosy i Yaveh. Niboaky nameno ty fanjakany iaby ty feo i Kyrosy. Zao ro voasoratsy noho voambola: ²"Kyrosy, mpanjaka i Persia, ro mivola hozao: Yaveh, Njanahary ty Lanitsy, ro nanome ahy ty fanjaka iaby amy ty tany, sady nitondro ahy hanory tsano a-Jersalema any ta Joda any ho Azy. Ndra ia ndra ia baka amy ty olo lakony (hitahy azy lahy Njanahary) le afaky miakatsy a-Jersalema any sady honory tsano ho ahy Yaveh, Njanaharin'Israely, Njanahary ze a-Jersalema any iny. ³Ty olo ze anay ty fanjaka ze hipetsaha sisa velo

ao amy tany zay any ro tokony hanome androzy volafoty noho volamena, fanana noho biby, sady koa fanomezan-tsitsapo ho ahy ty tsanon-Janahary ta Jerosalema any."⁵Bakeo nitsanga loha razambe longo-bey i Joda noho Benjamina rey, mpisoro noho Levita rey, sady ty iaby ze nandesin-Janahary ty fanahiny mba handeha noho hanory ty tsanony.⁶ Niodidy androzy rey le nanampy ty asan-drozy tamy ty raha volafoty noho volamena, fanana, biby, raha-soa, sady fanomezan-tsitsapo.⁷naboaky i Kyrosy mpanjaka avao koa raha tan-tsano Yaveh rey ao ze nandesy i Nebokadneзара baka Jerosalema any sady napetsakiny tamy ty tsano njanahariny rey ao manoka.⁸Napetsaky Kyrosy tan-tana i Mitreda mpanajary jala, ze nanisa ho ahy i Sesbazara rey, mpitariky ahy i Joda zay.⁹Ndreto ro hisa rey: Koveta volamena telopolo, Koveta volafoty arivo raiky, Koveta ropolo sivy amby hafa,¹⁰lovia mainty volamena telopolo, lovia mainty volafoty 410, sady raha hafa arivo raiky fanampiny. ¹¹Nisy fanaky 5. 400 volamena noho volafoty raha aharo. Nandesy i Sesevazara iaby rey lafa niala baka Babylona any nana Jerosalema any sesitany rey.

Chapter 2

¹Ndreto iaby olo tamy ty faritsy ze niakatsy baka amy ty fanagadra i Nebokadneza mpanjaka rey any, ze nanao sesin-tany androzy ta Babylona any, olo ze nimpoly tamy ty tanàn-drozy rey any kirai-draiky a-Jersalema any noho a-Joda any. ²Avy niaraky tamy i Zerobabela, Josoa, Nehemia, Seraia, Relai, Mordekay, Bilsana, Mispara, Bigvay, Rehoma sady Bana ndrozy. Ndreto ro lisita olo ty olo lakon'Israely rey. ³Tariha i Parosy rey le: 2. 172. ⁴Tariha i Sefatia rey le: 372. ⁵Tariha i Ara rey le: 775. ⁶Tariha i Pahatamoaba rey, baka amy i Jesoa noho Joaba rey le: 2. 812. ⁷Tariha i Eliama rey le: 1. 254. ⁸Tariha i Zato rey le: 945. ⁹Tariha i Zakay rey le: 760. ¹⁰Tariha i Bany rey le: 642. ¹¹Tariha i Bebay rey le: 623. ¹²Tariha i Azgada rey le: 1.222. ¹³Tariha i Adonikama rey le: 666. ¹⁴Tariha i Bigvay rey le: 2.056. ¹⁵Tariha i Adina rey le: 454. ¹⁶Olo i Atera rey, baka amy i Hezekia le: sivam-polo valo amby. ¹⁷Tariha i Bezay rey le: 323. ¹⁸Tariha i Jora rey le: 112. ¹⁹Olo i Hasoma rey le: 223. ²⁰Olo i Gibara rey le: sivam-polo dimy amby. ²¹Olo i Betlehema rey le: 123. ²²Olo i Netofa rey le: dimam-polo eninan'amby. ²³Olo i Anatota rey le: 128. ²⁴Olo i Azmaveta rey le: efapolo roa amby. ²⁵Olo i Kiriath-Arima rey, Kefira sady Berota le: 743. ²⁶Olo i Rama noho Gaba rey le: 621. ²⁷Olo i Mikmasy rey le: 122. ²⁸Olo i Betela noho Ay rey le: 223. ²⁹Olo i Nebo rey le: dimampolo roa amby. ³⁰Olo i Magbisy rey olo le: 156. ³¹Olo i Elama hafa rey le: 1.254. ³²Olo i Harima rey le: 320. ³³Olo i Loda rey, Hadida, sady Ono le: 725. ³⁴Olo i Jeriko rey le: 345. ³⁵Olo i Sena rey le: 3.630. ³⁶Mpisoro rey: tariha i Jedaia rey baka amy ty longo i Jesoa le: 973. ³⁷Tariha i Imera rey le: 1. 052. ³⁸Tariha i Pasora rey: 1.247. ³⁹Tariha i Harima rey le: 1. 017. ⁴⁰Levita rey: tariha i Jesoa noho Kadmiela rey, tariha i Hodavia rey le: folo efatsy amby. ⁴¹Mpihira an-degilizy ao rey, tariha i Asafa le: 128. ⁴²Tariha mpiemby vavahady rey: tariha i Saloma rey, Atera, Talmona, Akoba, Hatita, sady Sobay le: 139 ty fiharoany. ⁴³Ze nitondroa mba hanompo amy ty egilizy ao rey le: tariha i Ziha rey, Hasofa, Tabaota, ⁴⁴Kerosa, Siaha, Padona, ⁴⁵Lebana, Hagabaha, Akoba, ⁴⁶Hagaba, Salmay, sady Hanana. ⁴⁷Tariha i Gidela rey le: Gahara, Reaia, ⁴⁸Rezina, Nekoda, Gazama, ⁴⁹Oza, Pasea, Besai, ⁵⁰Asna, Meonita sady Nefisita. ⁵¹Tariha i Bakboka rey: Hakofa, Harora, ⁵²Bazlota, Mehida, Harsa, ⁵³Barkosa, Sisera, Tema, ⁵⁴Nezia, sady Hatifa. ⁵⁵Tariha mpiasa i Solomona rey le: tariha i Sotahy, Sofereta, Peroda, ⁵⁶Jala, Darkona, Gidela, ⁵⁷Sefatia, Hatila, Pokereta-Hazebaima, sady i Amy. ⁵⁸392 ty fiharoa ty tariha ze nitondroa hanompo rey amy ty egilizy ao noho tariha mpiasa i Solomona rey. ⁵⁹Ze niala an'i Tela-Mela rey, Tela-Harsa, Keroba, Adana sady Imera ---nefa tsy afaky ty hanamary ty razamben-drozy rey baka amy Israely ⁶⁰---le anay tariha rey zay 652 an'i Delaia, Tobia, sady Nekoda. ⁶¹Baka amy ty tariha mpisoro rey avao koa le: tariha i Habaia, rey Hakoza, Barzilay (ze nangala-baly ty anak'ampela i Barzilay baka Gileada any sady nikaihy tamy ty anaran-drozy). ⁶²Nila ty rakitsy ty tetiarany ndrozy, nefa tsy hita zay, ka le voaroaky hanahaky ty maloto tamy ty fisorona androzy. ⁶³Ka le nambara ty governora tamin-drozy fa tsy mahazo mihina amy soro masy ndrozy rey zisiky hanenkea ty mpisoro raiky ze manday ty Orima noho Tomima. ⁶⁴Ty fiharoa ty goropy iaby ro niisa 42. 360, ⁶⁵tsy anay rey zay mpiasan-drozy noho ty ajam-pelan-drozy (niisa rey le 7. 337) sady lahilahy rey noho ampela mpihira ty egilizin-drozy (Niisa roanjato). ⁶⁶Ty sovalin-drozy ro: 736. Ty ampondran-drozy le: 245. ⁶⁷Ty ramevan-drozy: 435. Sady ty borikin-drozy le: 6. 720. ⁶⁸Lafa nandeha tamy ty tsano i Yaveh any ta Jerosalema any ndrozy, le nanome fanomeza an-tsitsapo lehibe ty mpitariky rey mba hanorena tsano iny. ⁶⁹Nanome manahaky ty fahafahany amy ty petsa-jala ty asa ndrozy: dariky volamena arivoraiky noho enin'aly, mane volafoty dima arivo, sady akanjo fisorona zato. ⁷⁰Ka le mpisoro noho Levita rey, ty olo lako, mpihira ty egilizy rey noho mpiemby vavahady rey, sady ze nitondro hanompo ty egilizy rey le nipetsaky tamy tanány rey ao. Ty olo iaby ta Israely ao le tamy tanány rey iaby.

Chapter 3

¹Tamy ty vola fahafito lafa baka nimpoly tan-tàny baka any ty olo lakon'Israely, ro nivorian-drozy ho raiky ta Jerosalema any. ²Niala ka nampitsanga ty alitara ty Njanaharin'Israely i Jesoa anakilahiny, sady Zerobabela anakilahy i Sealtiel, mbamy rahalahiny rey mba hanome fanomeza oroa manahaky ty voalily amy ty lalà i Mosesy ao, azy lahilahin-Janahary. ³Le napetsakin-drozy tamy ty fipetrahany alitara iny eo, fa nampitranaky androzy ty horohoro noho ty amy ty olo tany iny. Nanome fanomeza oroa ho ahy Yaveh vo marain-dray noho tamy ty hariva ndrozy. ⁴Niemby ty Fifalefalea ty Fialofa avao koa ndrozy manahaky ty voasoratsy sady nanome fanomeza oroa isan'andro san'andro iaby. ⁵Manahaky zay, le nisy ty fanomeza oroa andavan'andro noho isambola sady fanomeza ho ahy fifalefalea Yaveh fa voatondro iaby, mbamy fanomeza-antsitsa-po iaby. ⁶Nanomboky nanome fanomeza oroa ho ahy Yaveh ndrozy ty andro velohany tamy ty vola fahafito, ndra le mbo tsy voa hisy fototsy aza ty egilizy. Ka le namean-drozy volafoty iaby mpanao vato noho mpanao taon-draha rey, ⁷sady namean-drozy hany, raha-inomy, noho menaky ty olo lako i Sidona noho Tyra, le nanday hazo sedera tan-driaky eny baka Libanona any ka le zisiky Jopa any ndrozy, manahaky ty nanomeza i Kyrosy, mpanjaka i Persia alala ndrozy. ⁸Sady tamy ty vola faharoe tamy ty fao faharoe tafara ty nandehanan-drozy tan-tsanon-Janahary ta Jerosalema ao, ro nanomboky niasa i Zerobabela, i Jesoa anakilahy Jozadaka, mpisoro sisa rey, Levita rey, sady ze avy baka amy ty fahagadra nimpoly ta Jerosalema any rey. Nitondro Levita ropolo tao rey noho misondrotsy ndrozy mba hanara-maso ty asa ty tsano Yaveh. ⁹Napetsaky Jesoa mba hanara-maso ty olo manao ty asa fanamboara ty tsanon-Janahary anakilahiny rey noho rahalahiny rey, i Kadmiela noho anany rey, sady tariha i Joda. Niaraky tamin-drozy avao koa tariha i Henadada rey, ty tarihany, sady Levita namany rey. ¹⁰Nampipetsaky fototsy ho ahy ty Egilizy i Yaveh mpamboatsy rey. Nahafaha mpisoro nitsanga rey nanao akanjony rey miaraky amy ty trompetra zay, sady nahafaha Levita rey, anakilhay i Asafa rey, nanompo an'Yaveh tamy ty kimpantso, manahaky ty nibekoa ty tana i Davida, mpanjakan'Israely. ¹¹Nihira fanompoa noho fisaora ho ahy Yaveh ndrozy hozao: "Soa Ie! Ela zisiky farany ty fanenkea mahatoky amin'Israely." Nikorakoraky maré tamy ty korakim-pifalea ho fanompoa ahy Yaveh ty olo lako iaby fa voapetsaky ty fototsy ipetsaha ty egilizy. ¹²Fe lako tamy mpisoro rey, Levita loha ty, pitariaky, sady zokin'olo rey ze nahita ty tsano velohany ro nitany maré, lafa voapetsaky taloha ty mason-drozy eo fototsy ipetsaha andro zay. Fa lako ro hikora fifalea tam-pifalea sady tamy ty feo mangitikitiky. ¹³Vokatsy zay, tsy afaky nanavaky ty feo falifaly noho ravoravo noho fa ravo tamy feon'olo nitany rey ty olo lako, safe nikoraky maré tamy ty fifalea bevata ty olo, sady ré baka lavitsy vatany feo iny.

Chapter 4

¹Sady ilany tamy ty fahavalo i Joda rey noho Benamina le naharé fa ty olo lako ze nanovy sesin-tany le mamboatsy egilizy ho ahy Yaveh, Njanaharin'Israely iny amy zao. ²Ka le namonjy an'i Zerobabela noho loha ty foko ty razambe ndrozy rey. Hoasan-drozy tamin-drozy hozao: "Engao zahay hamboatsy hiaraky aminareo, fa safe, manahaky anareo zahay, sady nanao soro ho Azy zisiky amy ty andro nandaisa i Esara-hadona, mpanjaka i Asyria, anay amy ty toera toy." ³Fa i Zerobabela, sady loha ty foko ty razamben-drozy rey nanao hozao: "Tsy nareo, fa zahay ro tsy maintsy mamboatsy ty tsano ty Njanaharinay, safe zahay ro namboatsy ho ahy Yaveh, Njanaharin'Israely, manahaky ze nibekoa i Kyrosy mpanjaka i Persia." ⁴Ka le nanovy olo lako ty tany malemy ty tana Jodiana rey; nanovin-drozy natahotsy ty hamboatsy Jodiana rey. ⁵Nilangolangoan-drozy avao koa ty mpanome-say mba haharava ty tetikin-drozy. Anay ty andro i Kyrosy iaby noho tamy ty fanjaka i Dariosy mpanjaka i Persia ndrozy ro nanao zay. ⁶Sady tamy ty fiboaha ty fanjaka i Ahasoerosy le nanoratsy fahazoa ahy mpipetsaky Joda rey noho Jerosalema rey ndrozy. ⁷Anay ty andro i Ahaseorosy ro nanorata i Bislama, Mitreda, Tabela, sady namany rey ho ahy Ahasoerosy. Nisorata tamy ty Aramaika ty taratasy sady nandika. ⁸Rehoma mpifehy noho i Simsay mpanora-dalana le nanorata mikasiky i Jerosalema ho ahy i Artaksersey. ⁹Bakeo i Rehoma, Simsay, sady naman-drozy rey, ze mpitsara noho manam-boninahitsy hafa tamy ty governemanta ao, baka Ereka any, Babylona, sady Sosa baka Elema any ro nanoratsy taratasy--- ¹⁰mbamy olo lako ze rey niforiseva i Asnapara bevata noho manan-kaja hanory-toera ta Samaria any, niaraky tamy sisa ze tamy ty Faritany rey Andafy ty Ony any. ¹¹Toy to dika mitovy amy lahatsoratsy iny lafa tamy i Artaksersey any: "Mpiasanao rey, olo baka amy ty Faritany Andafy ty Ony, ro manoratsy zao: ¹²Engaho ty mpanjaka hahay fa Jiosy ze baka aminao any rey le avy hanohitsy anay a-Jersalema atoy mba hamboatsy tanà mpiharo. Ndrozy le nanampy ty vala sady nanamboatsy ty fototsy. ¹³Sady engao ty mpanjaka hahay fa laha voaory tanà zay sady voatampy ty vala, le tsy hanome haba ndrozy, fa hanisy raty mpanjaka rey. ¹⁴Tena zay vatany safe nihina tamy ty sira ty lapa zahay, ka le tsy mety aminay ty hahita ty fanalam-baraka hiseho amy ty mpanjaka. Laha zay ro hampahaizinay ty mpanjaka ¹⁵mba hila ty firaketa an-tsoratsy ty babanao sady hanamary fa tanà mpiharo ze hanisy raty ty mpanjaka noho faritany rey io. Nahavy olo lako ho ahy mpanjaka noho faritany zay. Foibey ty fiharoa fa ela ie io. Laha antony zay ro naharava tanà iny. ¹⁶Mampahay ty mpanjaka zahay fa laha voaory tanà io noho vala io. le tsy hisy ndra ino ndra ino ho tavela ho anao amy ty Faritany Andafy ty Ony ao. ¹⁷Ka le nandefa valin-tsafa tamy i Rehoma any noho Simsay sady namany ta Samaria rey ao noho ambiny ze tamy ty Faritany Andafy ty Ony ty mpanajaka rey ao hozao: "Fiadana lahy ho anareo. ¹⁸Ty taratasy ze nalefanareo ho ahy le fa voadiko sady nivakiny tamiko. ¹⁹ka le nampanao fanontania zaho sady nahay fa tamy ty andro taloha le fa niharo nanohitsy mpanjaka ndrozy rey. ²⁰Mpanjaka mahery rey le nanapaky tamy Jerosalema eo sady nana fahefa tamy ty raha iaby tamy ty Faritany Andafy ty Ony ao. Nalà tamindrozy ty haba noho hatsa rey. ²¹Amy zao, mananova lalà ho ahy lahilahy rey mba hampijano noho tsy hamboatsy tanà io ndrozy zisiky-hananovako lalà. ²²Miembena mba tsy hanao tsinotsino zay. Nanino fandrahona zay ro enga hitombo ka le ho fatiantoky fahatsoboa lako ho ahy ty tombon-tsoa ty fanjaka? ²³Lafa nivaky tanila Rehoma eo, Simsay, sady namany rey, ty lalà i Artarkerses Mpanjaka, le niboaky an'i Jerosalema malaky ndrozy sady niforise Jiosy rey mba hanajano ty fanamboara. ²⁴Ka le nijano ty asa fananova ty tsanon-Janahary ta Jerosalema ao zisiky-hiavia ty tao faharoe ty fanjaka i Dariosy mpanjaka i Persia.

Chapter 5

¹Sady Hagay mpaminany noho Zakaria anakilahy i Ido mpaminany ro naminany tamy ty anara ty Njanaharin'Israely tamy Jiosy rey ta Joda noho Jerosalema ao. ²Nitsanga Zerobabela anakilahy Sealtielahy noho Jesoa anakilahy Jozadaka sady nanomboky nanamboatsy ty tsanon-Janahary ta Jerosalema ao niarakany tamy mpaminany ze nampahery androzy rey. ³Bakeo i Tatenay goverora ty Faritany t Andafy ty Ony any, Setara Bozenay, sady mpiarakany-lia aminy rey le avy sady nivola tamin-drozy hozo: "Ia ro nibeko anareo hanamboatsy tsano io noho hamita vala rey?" ⁴Hoy avao koa ndrozy hozo: "Ia iaby ro anara lahilahy nanamboatsy tsano io rey?" ⁵Fa ty mason-Janahary ro tamy olo-bevata Jiosy rey eo sady tsy nisaka androzy ty fahavalon-drozy. Nandiny taratasy ho lasa amy ty mpanjaka any noho lalà himpoly amin-drozy mikasiky zay ndrozy. ⁶Toy to dika mitovy taratasy Tatenay iny, governora ty Faritany ta Andafy ty Ony any, noho Setara Bozenay sady mpiara-miasa rey taminy any tamy ty Faritany ta Andafy ty Ony any, ze nalefan-drozy ho ahy Dariosy mpanjaka. ⁷Nandefa tatitsy ndrozy, nanoratsy zao ho ahy i Dariosy mpanjaka hozo: "Ho ahinao lahy ty fiadana iaby." ⁸Enganie hohay ty mpanjaka fa zahay le nana Joda any ho amy ty tsanon-Janahary bevata any. Zay ro hamboatsy amy vato bevata noho hazo matevy apetsaky amy vala rey. Fa anovy soa mihintsy ty asa sady mandroso soa am-pelan-tanan-drozy eo. ⁹Nanontany olo bevata rey zahay hozo: "Ia ro nanome anareo lalà hanamboatsy tsano io noho vala rey?" ¹⁰Nanontany ty anaran-drozy avao koa zahay mba hahazanao ty anara ty lahilahy kirai-draiky iaby ze nitariky androzy. ¹¹Namaly ndrozy sady nanao hozo: "Zahay ro manompo Raiky ze Njanahary ty lanitsy noho ty tany iny, sady zahay ro mampimpoly mananga ty tsano ze namboary tao lako taloha any lafa namboatsy zay ty mpanjaka bevata Israely sady nahavita zay. ¹²Ndra zay aza, lafa nampeloky an'i Njanahary iny ty lanitsy ty razambenay, le nameany tam-pelantana i Nebokadnezara mpanjaka i Babylona eo ndrozy, ze nandrava tsano io sady nangalaky ty olo ho sesin-tany ta Babylona any. ¹³Kanefa, tamy ty tao velohany naha-mpanjaka i Babylona an'i Kyrosy, le nampiboaky lily hanamboara ty tsanon-Janahary ndraiky i Kyrosy. ¹⁴Nampoly i Kyrosy mpanjaka avao koa raha volamena rey noho volafoty tan-tsanon-Janahary ao ze nandesy i Nebokadnezara baka amy ty egilizy ta Jerosalema ao ho ahy amy ty egilizy ta Babylona ao. Rey ro nampoly tamy Sesbazara, ze nanoviny ho governora. ¹⁵Hoy ie taminy hozo: "Rambeso raha rey. Mandeha sady apetsaho amy tynegilizy a-Jersalema ao rey. Enganie ty tsanon-Janahary hatsanga any." ¹⁶Sady avy Sesbazara io ka le nampipetsaky ty fototsy ty tsanon-Janahary ta Jerosalema ao; sady namboary zay, fa tsy mbo vita tanteraky. ¹⁷Sady laha sitsaky ty mpanjaka, le engaho ho hentea amy ty tsano famitiha ao a-Babylona ao laha misy lily hanamboara tsanon-Janahary iny a-Jersalema ao baka amy ty mpanjaka ao. Le enganie ty mpanjaka handefa ty fanapaha-kevitsiny aminay.

Chapter 6

¹Sady nampanao fanontania tamy ty tsano fipitoha ao ta Babylona ao i Dariosy Mpanjaka. ²Tamy ty tanà voaaro i Akmeta ao a-Mediana ao ro nahita horonan-taratasy raiky; zao ro voarakitsy tao:³"Tamy ty tao velohany nanjaka i Kyrosy Mpanjaka, le nampiboaky lily mikasiky ty tsanon-Janahary ta Jerosalema ao i Kyrosy hozao: 'Enganie hatsanga ndraiky ty tsano mba ho toera ty soro, enganie hapetsaky ty fototsy ipetrahany, enganie ho enimpolo hakiho ty hahabony, sady enimpolo hakiho ty sakany, ⁴miaraky amy ty vato bevata telo andala noho hazo vaova raiky andala, sady engao ty viliny haloa amy ty tsano ty mpanjaka. ⁵Sady andeso mimpoly ty fiasà volamena noho volafoty za ahy ty tsanon-Janahary, ze nandesy i Nebokadnezzara baka amy ty egilizy Jerosalema any mana Babylona any sady ampolio amy ty egilizy Jerosalema ao any. Iha ro hampipetsaky rey an-tsanon-Janahary ao.⁶Sady Talenta, governora ty Faritsy Andafy ty Ony, Setara Bozenay, sady mpiara-miasa rey ze amy ty Faritsy Andafy ty Ony, mihataha lavitsy! ⁷Engao ty asa amy tsano toy ho an-Janahary raiky avao. Ty governora noho olo-bevata Jiosy rey ro hampitsanga tsanon-Janahary toy amy toera zay.⁸Mibeko ty tsy maintsy hananovanareo ho ahy olo-bevata Jiosy ze mampitsanga tsanon-Janahary zoa zaho: Ty jala baka amy ty haba ty mpanjaka baka Andafy ty Ony any ro hampiasà hanakarama lahilahy rey mba tsy hampijanonan-drozy ty asany. ⁹Ndra ino ndra ino ilà--- anak'olombelo, aondry lahy, na anak'aondry ho ahy ty fanomeza oroa ho ahy ty Njanahary ty Lanitsy, vary, sira, divay, na solo-bonio manahaky ty lily mpisoro a-Jersalema ao rey--- le amea azy isan'andro san'andro raha rey. ¹⁰Anovo zay mba handaisan-drozy ty fanomeza ho ahy ty Njanahary ty Lanitsy ka le hivavaky ho ahy, mpanjaka, noho anako rey.¹¹Sady mibeko zaho fa ndra ia ndra ia mandika lalà io, le tsy maintsy hangala andry raiky amy ty tsanony eo sady tsy maintsy hahanto amy zay ie. ¹²Sady tsy maintsy ho lasa foko mivangongo nohobxay ty tsanony. Sady Njanahary ze nahavy ty anarany hipetsaky eo lahy handrava ze mpanjaka na olo ze manondron-tana hanova lalà zay, na hanimba tsanon-Janahary zay a-Jersalema ao zay. Zaho, Dariosy, ro mibeko zay. Engao hanovy am-pahazotoa zay!"¹³Sady noho ty lalà nalefa i Dariosy mpanjaka, i Tatenay, governora ty Faritsy Andafy ty Ony iny, noho Setara Bezenay noho mpiara-miasa aminy rey, le nanao ze iaby nibekoa i Dariosy Mpanjaka. ¹⁴Ka le nampitsanga manahaky ze natoro Hagay noho Zakaria tamy ty faminania olo bevata Jiosy rey. Natsangan-drozy manahaky ty lily ty Njanaharin'Israely noho Kyrosy, Dariosy, sady Artaksersey, mpanjaka i Persia zay. ¹⁵Le vita ty tsano tamy ty andro faha telo ty vola Adara, tamy ty tao faha eny nanjaka i Dariosy Mpanjaka. ¹⁶Nankalaza ty fanokana tsanon-Janahary zay tamy ty fifalea ty olo lako Israelita, mpisoro rey, Levita rey, sady sisa tamy gadra rey. ¹⁷Nanome aomby zato, aondry lahy zato, sady anak'aondry efajato ho ahy ty fanokana ty tsanon-Janahary ndrozy. Aosy lahy folo roamby avao koa ro namea ho fanomeza noho ty ota ho an'Israely iaby, raiky isaky ty foko ta Israely any. ¹⁸Nanondro mpisoro rey noho Levita tamy ty fizaràn'asa ho ahy ty fanompoa an-Janahary a-Jersalema ao avao koa ndrozy, manahaky ty voasoratsy tamy ty Boky i Mosesy ao. ¹⁹Sady ze baka an-tsesitany any ro nankalaza ty Paska tamy ty andro faha folo efatsamby vola velohany. ²⁰Mpisoro rey noho ty Levita iaby ro nanalino ty vatany sady namono ty soro ty Paska ho ahy ze baka an-tsesitany iaby rey any, anisa ndrozy zay²¹Ty olo lako Israelita ze nihina tamy ty hena ty Paska le ze nimpoly baka an-tsesitany any noho nampisaraky ty vatany tamy ty fahalotoa ty olo lako ty tany sady nila an'i Yaveh, Njanaharin'Israely. ²²Nankalaza tamy ty fifalea ty Fifalefalea ty Mofo tsy misy masira anay ty fito andro rey, safe i Yaveh ro fa nanday fifalea tamin-drozy sady nanova ty fo ty mpanjaka i Asyria mba hampatanjaky ty tanan-drozy tamy ty asa ty tsanony, le tsano ty Njanaharin'Israely iny.

Chapter 7

¹Sady tafara zay, tanay ty nanjaka i Artakserse sy mpanjaka i Persia, le niakatsy baka Babilona any i Ezra. Razambe i Ezra rey le i Seraia, Azaria, Hilklay, ²Saloma, Zadoka, Ahitoba ³Amaria, Azaria, Meraiota, ⁴Zerahia, Ozy, Boky, ⁵Abisoa, Finehasa, Eleazara, ze anakilahy i Arona mpisorobey. ⁶Niakatsy baka Babylona ao i Ezra sady ie ro mpanora-dalà mahay soa ty lalà i Mosesy, ze fa namea i Yaveh, Njanaharin'Israely. Namea ty mpanjaka azy ze iaby nangatahany safe nitahy ty tana Yaveh ie. ⁷Ty ilany tamy ty tarihan'Israely noho mpisoro rey, Levita, mpihira ty egilizy, mpiemby vavahady, sady ze nitondroa hanompo rey tan-degilizy ao le niakatsy ta Jerosalema any avao koa tamy ty tao fahafito amby folo nanjaka i Artakserse sy Mpanjaka. ⁸Le avy ta Jerosalema any tamy ty vola fahalimy tamy tao io avao ie. ⁹Niala ta Babylona tamy ty andro veloha ty vola velohany ao ie. Tamy ty andro veloha ty vola fahalimy ro niaviany ta Jerosalema any, safe nitahy ty tana soan-Janahary ie. ¹⁰I Ezra ro nampipetsaky ty fony mba hianatsy, hanantanteraky, sady hampianatsy fitsipiky rey noho lily ty lalà Yaveh rey. ¹¹Zao ro lily ze namea i Artakserse sy mpanjaka an'i Ezra mpisoro noho mpanora-dalà ty lily noho ty lalà i Yaveh ho an'Israely: ¹²"Artakserse sy Mpanjaka ty mpanjaka, ho ahy Ezra mpisoro, mpanora-dalà ty lalàn-Janahary ty lanitsy. ¹³Zaho ro mibeko fa ty olo iaby baka Israely any amy ty fanjakako ao miarakany amy mpisoro rey noho Levitan-drozy rey ze maniry ty handeha ho a-Jersalema any, le afaky miarakany aminao. ¹⁴Zaho, mpanjaka, noho mpanome-saiko fito rey, le maniraky anareo iaby mba hanontany mahakasiky an'i Joda noho Jerosalema manahaky ty lalàn-Janahary, ¹⁵Tsy maintsy andesinao ty volafoty noho ty volamena ze fa namean-drozy amy zao avao tamy Njanaharin'Israely, ze a-Jersalema any ty fipetrahany. ¹⁶Ameo amy zao avao ty volafoty noho ty volamena iaby ze namea ty Babylona iaby niarakany tamy ze fa namea ty olo lako noho mpisoro rey amy zao avao ho ahy tsanon-Janahary a-Jersalema any. ¹⁷Ka le mivilia aomby, aondry lahy noho anak'aondry, sady fanomeza hohany noho fanomeza inomy lako maré. Ameo amy ty alitara ze amy ty tsano Njanaharinao eo ao a-Jersalema rey any. ¹⁸Amby ty volafoty noho volamena rey ro anovo ze hitanao fa soa ho ahinao noho rahalahinao rey, mba hampifaly ty Njanaharinao. ¹⁹Apetsaho anilany eo ho ahy ty asa fanompoa amy ty tsanon-Janahary eo a-Jersalema any raha ze namea anao amy zao avao rey. ²⁰Ze raha hafa iaby ilà ho ahy ty tsano Njanaharinao také, le alao amy ty fanajarian-drakitsy ao ty vily i zay. ²¹Zaho, Artakserse sy Mpanjaka, le manao lily ho ahy mpanajary jala amy ty Faritany Andafy ty Ony any, fa ty raha iaby ze angatahy i Ezra aminao le tokony hameanao iaby, zisiky amy talenta volafoty zato, vary zato kora, divay zato barika, sady solo-bonio zato barika, ²²sady koa sira tsy misy farany. ²³Ze raha iaby baka amy ty lily ty Njanahary ty Lanitsy, le anovo miarakany amy ty fanomezam-bata ho ahy ty tsanony zay. Fa nanino ty helokiny noho avy amy ty fanjakako noho anakilahiko rey eo? ²⁴Ampahaizinay androzy ty mikasiky anao ze tsy hitaky haba hetra amy mpisoro iaby rey, Levita rey, mpikitiky raha-maneno rey, mpiemby vavahady rey, na amy ty olo lako nitondroa eo ho amy ty asa ty egilizy sady mpiasa tsano Njanahary zay rey. ²⁵Ezra, amy ty fahendrea ze fa namean-Janahary anao, le nitondro mpitsara noho olo lalin-tsay hanompo olo lako iaby rey amy ty Faritsy Andafy ty Ony any, sady hanompo ty olo ze mahay ty lalàn-Janaharinao. Mampianara ze tsy mahay ty lalà rey avao koa. ²⁶Sazio ty olo ze tsy mankato tanteraky ty lalàn-Janahary na ty lalà ty mpanjaka, na amy ty alalà ty fahafatesa, na fandroaha, fanafehoza ty fananan-drozy, na fanagadra. ²⁷Manompoa an'Yaveh, Njanahary ty tanantsika, ze nampipetsaky iaby zay tam-po ty mpanjaka ao mba hanomezam-boninahitsy ty tsano Yaveh a-Jersalema any, ²⁸sady ze nanome ty fanenkea matoky tamiko tanila ty mpanjaka, mpanomen-tsainy rey, sady manam-pahefany mahery iaby rey. Fa nampatanjaky tamy ty alala ty tanan'Yaveh Njanahariko zaho, sady navory mpitariky baka amin'Israely mba hiarakany amiko.

Chapter 8

¹Ndreto iaby mpitariky ty longo ty razamben-drozy ze niala an'i Babylona rey niaraky tamiko anay ty fanjaka i Artaksersy. ²Amy ty tariha i Finehasa, le Gersona. Amy ty tariha i Itamara, le i Daniela. Amy ty tariha i Davida, le i Hatosy, ³ze baka amy ty tariha i Sekania, ze baka amy ty tariha i Parosy; sady Zakaria, sady nisy lahilahy 150 voahisaky tamy ty rakitsy ty tetiarany niaraky taminy ao. ⁴Amy ty tariha i Pahata-moaba, ro Elihoenay anakilahy i Zerahia sady niaraky taminy le nisy roanjato lahy. ⁵Amy ty tariha i Sekania, le Beni-Jahaziela sady niaraky taminy nisy telon-jato lahy. ⁶Amy ty tariha i Adina, ro Ebeda anakilahy i Jonatana sady niaraky taminy nisy dimanjato lahy voahisaky. ⁷Amy ty tariha i Elama, ro Jesia anakilahy i Atalia sady niaraky taminy nisy fitopolo lahy voahisaky. ⁸Amy ty tariha i Sefatia, ro Zebadia anakilahy i Mikaela sady niaraky taminy nisy valopolo lahy voahisaky. ⁹Amy ty tariha i Joaba, le Obadia anakilahy Jehiela sady niaraky taminy nisy 218 lahy voatanisa. ¹⁰Amy ty tariha i Selomita anakilahy i Josifia le nisy 160 lahy voatanisa niaraky taminy. ¹¹Amy ty tariha i Bebay, le Zakaria anakilahy i Bebay sady nisy ropolo valo amby lahy voatanisa niaraky taminy. ¹²Amy ty tariha i Azgada, le Johanana anakilahy i Hakatana sady nisy 110 lahy voatanisa niaraky taminy. Ze baka amy ty tariha i Adonikama rey ro avy tafara ato. ¹³Ndreto iaby ty anaran-drozy: Elifeleta, Jeielia, Semaia, sady niaraky tamin-drozy nisy enimpolo lahy. ¹⁴Amy ty tariha i Bigvay, le Otahy noho Zaboda sady nisy fitopolo lahy voatanisa niaraky taminy. ¹⁵Navoriko mpandeha rey tamy ty lakan-drano ze mana Ahava ao any, sady nipetsaky anay ty telo andro teo zahay. Nanontany ty olo lako noho mpisoro rey zaho, nefa tsy nahita tariha i Levita ao mihintsy. ¹⁶Le nampikaiky an'i Eliezara, Ariela, Semaia, Elnatana, Jariba, noho Natana, Zakaria, sady Mesolama—ze mpitariky—sady an'i Joariba noho Elnatana—ze mpampianatsy zaho. ¹⁷Manaraky zay ro nirahiko ho amin'Ido any, mpitariky Kasifia any ndrozy. Nambarako androzy ze ho volany amin'Ido noho longony rey, mpiasa ty egilizy mipetsaky a-Kasifia any, ro ty, mba handefasa mpiasa ho ahy ty tsanon-Njanahary ho aminay atoy. ¹⁸Le nandefa lahilahy raiky kaihy hoe Serebia, lahilahy maillo taminay tamy ty tana soan-Janaharinay ndrozy. Ie ro tariha i Maly anakilahy i Levy anak'Israely. ¹⁹Avy niaraky tamy ty anakilahy noho rahalahy folo valo amby ie. Avy niaraky taminy i Hasabia. Nisy an'i Jesaia, ty raiky amy anakilahy i Merary rey, niaraky tamy rahalahiny rey noho ty anakilahin-drozy rey avao koa ndrozy, ropolo lahy ty fiharoany. ²⁰Amy ze nitondroe ze hanompo an-degilizy rey eo, ze namea i Davida noho manam-boninahitsy rey mba hanompo an'i Levita rey le: 220, samby nitondroe tamy ty anarany iaby. ²¹Le nanambara fifalean-kany tamy ty Lakan-drano Ahava zaho mba hampijotso ty vatany anilan-Janahary eo, mba hila lala-mahity baka Aminy ho anay, ty aja maliniky, sady hananany iaby rey. ²²Menatsy ty hangataky tafiky na mpiondra-sovaly tamy ty mpanjaka mba hiaro anay amy fahavalo tan-dala rey eny zaho, safe fa nivola tamy ty mpanjaka zahay hozao: 'Ty tanan-Janaharinay le amy ty iaby ze mila Azy eo amy ty soa, fa ty heriny noho ty helokiny le amy ty iaby ze manalino Azy eo.' ²³Ka le nifaly hany noho mila an-Janahary mikasiky zay zahay, sady nangataky taminy. ²⁴Manaraky zay le nifantoky lahilahy folo roa amby rey tamy manam-boninahitsy ty fisorona zaho: Serebia, Hasabia, sady folo tamy ty rahalan-drozy. ²⁵Nandanja volafoty, volamena, sady raha noho fanomeza ho ahy ty tsanon-Janahary ze nameany ty mpanjaka, mpanome-sainy noho manam-boninahitsy, noho ze namea ty Israely iaby amy zao avao rey ho androzy zaho. ²⁶Le nandanja talenta volafoty 650, talenta raha volafoty zato, talenta volamena zato, ²⁷tinga volamena ropolo ze nisanda dariky arivoraiky, sady fanaky saba roe nipiriaky soa ze sarotsy manahaky ty volamena tam-pelantanan-drozy zaho. ²⁸Le hoy zaho tamin-drozy hozao: "Nat9ka ho ahy Yaveh nareo, sady raha reto avao koa, noho ty volafoty sady ty volamena le fanomezan-tsitsapo ho an'Yaveh, Njanahary ty razambenareo. ²⁹Embeno rey sady tandremo zisiky handanjànareo zay anila ty manam-boninahitsy eo ty fisorona, Levita, sady mpitariky ty fokoan-drazan'Israely rey ta Jersalema any amy efitsy rey ao ty tsanon-Janahary." ³⁰Nanenky ty volafoty, volamena, noho raha voalanja mpisoro rey noho Levita mba handay zay a-Jersalema rey any, an-tsano Njanaharinay ao. ³¹Niboaky baka amy ty Lakan-drano Ahava ao zahay tamy ty andro faha roamby vola velohany mba handeha ho ahy Jersalema any. taminay ty tana ty Njanaharinay rey; niaro anay tamy ty tana ty fahavalo noho olo ze naniry rey ty hanafiky anay tampoky tan-dala eny ie. ³²Le nilitsy ta Jersalema any zahay sady nipetsaky anay ty herin'andro ao. ³³Sady tamy ty andro fahefa ro nilanjà tan-tsano ty Njanaharinay ao tan-tana i Meremota anakilahy i Oria mpisoro ty volafoty rey, volamena, noho raha rey sady niaraky tamy ty Eleazara anakilahy i Finehasa, Jozabada anakilahy i Jesoa, sady Noadia anakilahy i Binoy Levita iny. ³⁴Voafaritsy ty hisa noho ty lanja ty raha iaby. Nisorata iaby ty lanja iaby tamy fotoa zay. ³⁵Olo ze nimpoly baka amy ty fahagadra rey, ty olo voasesy tany, le nanome fanomeza oroa ho ahy Njanaharin'Israely iny: aomby folo roa amby ho an'Israely, aondry lahy siva-mpolo enin'amby, anak'aondry fitopolo fito amby, sady aosy lahy folo roe amby noho ty fahota. Fanomeza oroa ho an'Yaveh iaby rey. ³⁶Le namean-drozy ho ahy manam-boninahitsy ty mpanjaka anabo noho governora rey tamy ty Faritsy Andafy ty Ony any ty lalà ty mpanjaka, sady nanampy ty olo lako noho ty tsanon-Janahary ndrozy.

Chapter 9

¹Lafa vita raha rey, le namonjy ahy manam-pahefa rey sady nanao hozao: "Ty olo lakon'Israely, mpisoro rey, sady Levita rey le tsy nampisaraky ty safan-drozy tamy olo rey baka an-tany hafa any noho ty fahativativany: le Kananita rey, Hetita, Perizita, Jebosita, Amonita, Moabita, Egyptiana sady Amorita. ²Fa nalan-drozy ty sasany tamy anak'ampelany noho anakilahiny rey, sady naharon-drozy tamy ty vahiny ty olo lako masy, sady manam-pahefa rey noho mpitariky rey ro velohany tamy zay tsy fahatokisazay." ³Lafa naharé zay zaho, le nanataky ty sikiko noho ty akanjolavako ka le velo ty volon-dohako noho ty volom-bava, sady nipetsaky, torotoro. ⁴Iaby ze nangorohoro rey tamy ty safa ty Njanaharin'Israely mikasiky tsy fahatokisa zay le nivory tamiko eo laha nipetsaky am-pahamenara zisisky amy ty fanomeza hariva iny zaho. ⁵Fa tamy ty fanomeza hariva ro niaria baka amy ty toera ty fanalam-baraka tamy ty fisikinako noho ty akanjo lavako tataky zaho, ka le nandohaliky sady namelatsy ty tanako ho amy Yaveh Njanahariko. ⁶Hoasako hozao: "Njanahariko e, menatsy noho mangemahema ty hanondrotsy ty tarehiko aminao eo zaho, fa miakatsy mandilatsy ty lohanay ty helokinay, sady ty helokinay miandra zisiky an-danitsy any. ⁷Nanomboky tamy ty andro ty razambenay zisiky amy zao le tanay heloky bevata ao zahay. Tanay ty heloky ao zahay. mpanjakanay rey, noho mpisoronay rey ro nanome ho an-tana mpanjaka ty tany iaby toy rey eo, ho amy ty meso bevata eo, ho amy ty fahagadra eo, ho amy ty tea eo noho ty tarehy mangemahema, manahaky anay androany. ⁸Amy zao anefa tanay fotoa tsy ampy ao, le avy aminay ty indrafo baka amy Yaveh Njanaharinay mba hanenga sisa velo aminay eo ka le hanome anay fipitiha amy ty fipetrahany masy eo. Ahy ty Njanaharinay ty manazava ty masonay noho manome fiantoha kelikely amy ty fanandevoza anay. ⁹Fa andevo zahay, nefa tsy nanalino anay ty Njanaharinay fa nampiitatsy ty fanenkea mahatoky taminay. Nanao zay tamaso ty mpanjaka i Persia eo le mba hanome hery vo ho anay, mba hafahanay mamboatsy ty tsano ty Njanaharinay ndraiky ka le hananga ty faharavany. Nanao zay le mba hanomezany vala fiarova ho anay a-Joda noho Jerosalema ao. ¹⁰Fa amy zao koa, Njanaharinay, ino ro azonay volany afara zao? Nanalino zahay, ¹¹le ty lily ze nameanao mpaminany mpiasanao rey, lafa nivola Iha hozao: "Toy ty tany ze hiliranareo ho fanananareo tany maloto. Voaloto ty olo tany toy tamy ty fahativativan-drozy zay. Natsehon-drozy ty fahalotoa zisiky amy ilany reiky iny zisiky amy ty hafa zay any. ¹²Amy zao sady, mba ka amea ty anakilahin-drozy ty anak'ampela nareo; mba ka mangalaky ty anan-drozy ho ahy ty anakilahinareo, sady mba ka mila filongoa noho fanampea amin-drozy, mba hatandraky nareo sady hihina ty soa baka amy ty tany, ka le hahavy ty ananareo ho tompo say amy ty fotoa iaby." ¹³Kanefa tafara ty raha iaby ze nahazo anay noho ty asa ratiny noho ty helokinay bevata---safe Iha, Njanaharinay, le nitandraky ze maeva ty helokinay ka le nanenga anay ho velo--- ¹⁴tokony handika lilinao rey ndraiky va zahay ka le hifanambaly amy olo lako tivativa rey? Tsy heloky va Iha ka le handrava anay mba tsy hisy ho tavela, tsy hisy roe ho tafalay? ¹⁵Yaveh, Njanaharin'Israrely, marina Iha, fa tsy ampy zay ro sisa velo amy androany zao. Ingo! Ndreto zahay anilanao eto amy ty helokinay, fa tsy misy afaky hitsanga anilanao eo noho ty amy zay.

Chapter 10

¹Laha mbo nivavaky noho nieky heloky i Ezera, le nitany ie sady nandohaliky taloha ty tsanon-Janahary eo. Lahilahy Israelita, ajam-pela lako maré ro nikobo taminy eo, fa nitany maré bibiky olo rey. ²Hoasa Sekania anakilahy Jehiela tariha Elama tamy Ezra hozao: "Fa tsy nahatoky tamin-Janaharinay zahay sady nanambaly ampela hafa firenea rey baka amy ty olo lako tany hafa any. Kanefa ndra le eo aza zay, le mbo misy fanantena ho ahy Israely.³Ka engaho zahay hanao fifanenkea wmy ty Njanahary mba handroaky ampela iaby rey noho anany rey manahaky toromariky rey ty Tompo noho ty torokariky ze nangorohoro tamy lily ty Njanaharintsika rey, sady engao zay ho tanteraky manahaky ty lalá. ⁴Mitsangàna, fa raha zay ro ho tanterahinao, sady zahay ro miaraky aminao. Mahereza sady anovo zay."⁵Ka le nitsanga i Ezra sady nanoviny nampanantena manam-boninahitsy rey ty fisaora, Levita rey, sady ty Israely iaby mba hanao manahaky zay. Ka le nanao fitahia mihetsiketsiky ie iaby. ⁶Bakeo nitsanaga baka aloha ty tsanon-Janahary eo i Ezra sady nandeha tamy ty efitsy Johana ao anakilahy Eliasiba. Tsy mba nihina mofo na nino rano ie, safe nisao ty hakely ty finoa ze fa tamy ty fitiava ie.⁷Ka le nandefa safa ta Joda noho ta Jerosalema any ho ahy ty olo nimpoly baka an-tsesitany ndrozy mba hivory a-Jerosalema ao.⁸Ze iaby tsy avy tanay ty telo andro ao manahaky ty toromariky baka amy manam-pahefa rey noho olo-bevata ro nalá tamin-drozy ty fanjakan-drozy iaby sady nalá tsy ho amy ty fikambanam-bey rey ze nimpoly baka an-tsesitany ao any.⁹Ka le nivory ta Jerosalema ao anay ty telo andro ty lahilahy baka Joda noho Benjamina iaby any. Zay ro tamy ty vola fahasivy sady tamy ty andro faharopolo ty vola. Nitsanga tamy ty kianja malalaky taloha ty tsanon-Janahary eo ty olo iaby sady nangitikitiky noho safa noho ty ora iny. ¹⁰Natsanga i Ezra mpisoro sady nivola hozao: "Fa namaliky nareo. Nanambaly ampela hafa firenea rey nareo sady nampitombo ty helok'Israely."¹¹Fa amy zao le manompo an'Yaveh, Njanahary razambenareo rey, sady anovo ty sitsapony. Misaraha amy ty olo tompon-tany noho amy ampela hafa firenea rey."¹²Namaly tamy ty feo abo ty goropy iaby hozao: "Hanao manahaky ze nivolaninao zahay. ¹³Ndra zay aza, lako olo rey, sady vanim-potoa ty ora zao. Tsy mana hery hitsanga ambalikiny etoy zahay, sady zay ro tsy asa raiky na roe andro avao, safe fa nanao heloky bevata tamy rahalahy zay zahay.¹⁴le engaho ty mpanapaky hisolo-tena ty fiangona iaby. Engaho ze nanenga ampela baka amy ty firenea hafa rey hipetsaky amy ty tanàntsika ho avy amy ty fotoa ze ho tondroa miaraky amy olo-bevata ty taná rey noho mpitsara amy ty taná ao zisiky hialá ty fireheta ty heloky Njanaharintsika amintsika."¹⁵Nanohitsy zay i Jonatana anakilahy i Asahela noho Jahaza anakilahy i Tikva, sady niantoky androzy i Mesolama noho Sabetahy Levita.¹⁶Ka le nanao zay olo nimpoly baka an-tsesitany any rey. Ezra mpisoro ro nitingy lahilahy rey, mpitariky tamy ty foko ao noho longo razamben-drozy rey---tamy ty anaran-drozy iaby, sady nandiniky ty raharaha tamy ty andro velohany tamy ty fahafolo ty vola ndrozy. ¹⁷Tamy ty andro velohany tamy ty vola velohany ro nahavita nahay ze lahilahy niaraky-nipetsaky tamy ty ampela hafa firenea ndrozy.¹⁸Nisy tamy tariha mpisoro rey ro nanambaly ampela hafa firenea. Tamy ty tariha i Jesoa anakilahy Jozadaka noho rahalahiny rey ro nisy an'i Mahaseia, Eliezera, Jariba, noho Gedalia. ¹⁹Ka le tapa-kevitsy ty handroaky valiny rey ndrozy. Safe meloky ndrozy, le nanome aondry lahy tamy ty aondry ndrozy noho ty helokin-drozy.²⁰Tamy ty tariha i Imera rey le: i Hanany noho Zebadia. ²¹Tamy tariha i Harima rey: i Mahaseia, Elia, Semaia, Jehiela, sady Ozia. ²²Tamy ty tariha i Pasora rey: i Elioenay, Mahaseia, Ismaela, Netanela, Jozabada, safy Elasa. ²³Tamy Levita rey le: i Jozabada, Simey, Kelaia---ze, Kelita, Petahia, Joda. Tamy mpihira rey: i Eliasiba. ²⁴Tamy mpiemby vavahady rey le: i Saloma, Talema, sady Ory. ²⁵Tamy Israelita sisa rey---tamy tariha i Parosa rey ro: i Ramia, Jizia, Malkia, Miamina, Eleazara, Malkia, sady Benaia. ²⁶Tamy ty tariha i Elama rey ro: i Matania, Zakaria, Jehiela, Abodia, Jeremota, sady i Elia. ²⁷Tamy tariha i Zato rey ro: i Elioenay, Eliasiba, Matania, Jeremota, Zabada, sady Aziza. ²⁸Tamy tariha i Bebay rey le: i Johanana, Hanania, Zabay, sady Atlay. ²⁹Tamy tariha i bany rey le: i Mesolama, Maloka, Adaia, Jasoba, sady Seala Jeremota. ³⁰Tamy ty tariha i Pahata Moaba le: i Adna, Kelala, Benaia, Mahaseia, Matania, Bezaiela, Binoy, sady Manase. ³¹Tamy ty tariha i Harima le: i Eliezera, Jisia, Malkia, Semaia, Simeona, ³²Benjamina, Maloka, sady Semaria. ³³Tamy ty tariha i Hasoma le: i Matenay, Matata, Zabada, Elifeleta, Jeremay, Manase, sady Simey. ³⁴Tamy ty tariha i Bany le: i Maday, Amrama, Oela, ³⁵Benaia, Bedeia, Keloho, ³⁶Vania, Meremota, Eliasiba, ³⁷Matania, Matenay, sady Jasao. ³⁸Tamy ty tariha i Binoy le: i Simey, ³⁹Seleimia, Natana, Adaia, ⁴⁰Maknadebay, Sasay, Saray, ⁴¹Azarella, Seleimia, Semaria, ⁴²Saloma, Amaria, sady i Josefa. ⁴³Tamy ty tariha i Nebo le: i Jeielia, Matitia, Zabada, Zebina, Ido, Joela, sady Benaia. ⁴⁴Iaby iaby rey ro nanambaly ampela hafa firenea sady nanan'anaky tamy ty ilany tamin-drozy.

Nehemiah

Chapter 1

¹Ty safa Nehemia anakilahy Hakalia: Sady tamy ty vola Kisleo, tamy ty tao faharopolo, laha mbo tamy ty fiarova mahery i Sosa zaho, ²le nisy raiky tamy ty rahalahiko, i Hanany, ro avy niaraky taminy olo lako baka Joda any, sady nanontany androzy mikasiky Jiosy ze tafalay rey, noho Jiosy sisa tavela tany rey, sady mikasiky an'i Jerosalema zaho. ³Hoasa ndrozy tamiko hozao: "Ze tafaboaky velo tamy ty fahagadra rey amy ty faritsy any le anay fangorohoroa noho fahafaham-baraka bevata safe vaky nirobaky ty vala i Jerosalema, sady voa oro tamy ty afo ty vavahadiny." ⁴Vatany vo nahare safa rey zaho, le nipetsaky ka le nitany, sady nalahelo noho nifaly hany sady nivavaky tamy Njanahary ty lanitsy zisiky any zaho anay ty andro lako. ⁵Le hoy zaho hozao: "Tha ro Yaveh, Njanahary ty lanitsy, azy Njanahary bevata sady mahatseriky iny, ze mitandraky ty fanenkea noho mitandraky ty fitea ho ahy ze tea Azy rey sady miemby liliny rey." ⁶Janjino ty fivavahako ka le vohao ty masonao, mba haharezanao ty vavaky ty mpiasanao ze hivavahako anilanao eo atoandro noho ty haly ho ahy ty olo lakon'Israely mpiasanao amy zao. Miaiky ty fahota ty olo lakon'Israely, ze nanotanay taminao zaho. Zaho noho ty longo-babako ro samby nanota. ⁷Nanao ze tena raty taminao zahay, sady tsy mba niemby lily rey, lalà rey, sady fitsipiky ze nibekoanao an'i Mosesy mpiasanao rey. ⁸Mba tiarovo lahy ty safa ze nibekoanao an'i Mosesy mpiasanao hozao: "Laha tsy matoky nareo, le ho aparitako amy firenea eny, ⁹Fa laha mimpoly amiko nareo sady manaraky ty liliko ka le manao zay, na le niparitaky tambany ty lanitsy lavitsy bibiky any aza ty olo lakonao, le hamory androzy baka any Zaho ka handay androzy amy tyvtoera ze nitinginiko any hampipetsaha ty anarako." ¹⁰Sady mpiasanao noho olonao ndrozy, ze navotanao tamy ty herinao bevata noho ty tananao mahery. ¹¹Yaveh e, mangataky amina zaho, janjino lahy ty vavaky ty mpiasanao noho ty vavaky mpiasanao ze manaja ty anaranao maré rey. Sady ambino ty mpiasanao androany, sady fereneso amasonao eo lahilahy io ie." Fa nanompo ho mpanday kapoaky tamy ty mpanjaka teo zaho.

Chapter 2

¹Tamy ty safa i Nisana, tamy ty faha ropolo tao nanjaka i Artakserksesy mpanjaka, le nitingy divay ie, sady nangalaky divay iny ka le nanome zay ho ahy ty mpanjaka. Sady tsy mbo nalahelo tamy ty famonjeany mihintsy zaho. ²Fa hoy ty mpanjaka tamiko hozao: "Nanino ty endrikinao ro malahelo bevata? Hoy raha tsy marary nefa iha. Mety alahelo am-po ao zay. " Le nanjary natahotsy maré zaho. ³Hoy zaho tamy ty mpanjaka hozao: "Ho velo zisiky farany lahy ty mpanjaka! Nanino ty endikinao ro tsy tokony halahelo? Ty tanà, ty toera ty lolon-drazako, ro rava, sady varavarany rey le toro ty afo." ⁴Le hoasa ty mpanjaka tamiko hozao: "Ino ro teanao hanoviko?" Ka le nivavaky tamy Njanahary ty lanitsy zaho. ⁵Namaly ty mpanjaka zaho hozao: "Laha soa amy ty mpanjaka zay, sady laha nanao ty soa tamasonao teo ty mpiasanao, le afaky hirahinao ho a-Joda any zaho, amy ty tanà lolon-drazako rey any, mba hafahako mampimpoly mampitsanga zay." ⁶Le namaly ahy ty mpanjaka (sady nipetsaky tanilany eo avao koa ty mpanjaka ampela) hozao: "Hangirifiry ro andehanao sady ombia iha ro himpoly?" Sitsaky ty mpanjaka ty nandefa ahy lafa nanome datin'andro taminy rey zaho. ⁷Bakeo le hoy zaho tamy ty mpanjaka hozao: "Laha sitsaky ty mpanjaka, le engaho hisy taratasy hamea ahy ho ahy governora rey amy ty Faritany Andafy ty Ony any mba hanomezan-drozy ahy alala handeha amy ty fari-tanin-drozy amy ty lalako mana Joda any. ⁸Engaho avao koa hisy taratasy ho ahy Asafa mpiemby ty lala ty mpanjaka, mba hanomezany ahy hazo hananova andry ho ahy vavahady ty fiarova mahery anila ty egilizy rey, noho ho ahy ty vala ty tanà, sady ho ahy ty tsano ze hipetsahako." Ka le safe tamiko tato ty tana soan'Yaveh, le nanovy ty mpanjaka ty fangatahako rey. ⁹Le avy tamy ty governora any amy ty Faritany Andafy ty Ony any zaho sady nanome taratasy ty mpanjaka ndrozy any. Sady ty mpanjaka nandefa manam-boninahitsy ty tafiky noho mpiondran-tsovaly niaraky tamiko. ¹⁰Lafa ré i Sanbala Horonita noho Tobia Amorita mpiasa zay, le neloky maré ie safe nisy olo avy ze mila hanampy ty olo lakon'Israely. ¹¹Laha zay le avy ta Jerosalema ao zaho sady tany tanay ty telo andro. ¹²Nifoha zoho ty haly, zaho noho lahilahy kelikely niaraky tamiko. Tsy nivolaniko tamin'ia ndra ia ze napetsakin-Janahary tam-poko tao mba ho anovy ho ahy Jerosalema. Tsy nisy biby niaraky tamiko, hafa tsy raiky ze niondranako iny. ¹³Nandeha niboaky tamy ty Vavahady ty Baibo zaho ty haly, tandrify ty Loharano ty Amboaholo noho ty Vavahadin-Jeziky, sady nanara-maso ahy vala i Jerosalema rey, ze fa rava, sady varavaran-kazo le rava ty afo rey. ¹⁴Bakeo le nana amy ty Varavaran-Doharano any noho ty Faritany ty Mpanjaka zaho. Maifitsy maré ho ahy azy biby iny ze niondranako ty handeha amy toera iny. ¹⁵Laha zay le niakatsy ty lohambaibon-driaky zaho ty haly sady nanara-maso ty vala, sady nimpoly noho nilitsy tamy ty Vavahady ty Lohambaibon-driaky eo, sady nimpoly. ¹⁶Tsy hainao mpanjaka ze nalahelo rey na ze nanoviko, sady tsy mbo nampivola Jiosy rey zaho, na mpisoro rey, na manan-kaja rey, na mpanjaka rey, na sisa ze nanao ty asa rey. ¹⁷Hoy zaho tamin-drozy hozao: "Hitanareo ty loza ze mahazo antsika, ty hipetsaha i Jerosalema anay faharava ao noho ty vavahariny ze rava ty afo. Andao, handeha tsika hampimpoly hampitsanga ty vala i Jerosalema, mba tsy ho anay ty fanalam-baraka ao sasy tsika." ¹⁸Nialako ndrozy fa tamiko eo ty tana soan-Janahary noho ty mikasiky ty safa ty mpanjaka ze nivolany taminao. Hoasandrozy hozao: "Enganie tsika hisondrotsy ka le hanory." Le nampaherezinao ho ahy ty asa soa ty tanan-drozy. ¹⁹Fa lafa re i Sanbala Horonita, noho Tobia Amonita mpiasa, sady Gesema Arabo ty mikasiky zay, le nikizaky noho nangala-baraka anay ndrozy, sady hoasa ndrozy hozao: "Ino anovinareo toy? Miharo hanohitsy ty mpanjaka va nareo?" ²⁰Le namaly androzy zaho hozao: "Hanome fitahia anay Njanahary ty lanitsy iny. Mpiasany zahay sady hitsanga noho hanory zahay. Kanefa nareo tsy mana anjara, na rariny, sady fifandrambesa amy ty tantara a-Jersalema ao."

Chapter 3

¹Sady nitsanga niaraky tamy mpisoro rey rahalahiny i Eliasiba mpisoro bevata, le nanamboatsy ty Vavahadin'aondry ndrozy. Natokan-drozy zay sady napetsakiny tamy ty toerany ty varavarany. Natokan-drozy zisiky amy ty Tilikambo ty Lahilahy zato any ka le zisiky amy ty Tilikambo i Hananela zay. ²Tafarany ro niasa ty olo i Jeriko, sady niasa tafaran-drozy i Zakora anakilahy i Imry. ³Namboatsy anakilahy i Hesena rey ty Vavahady ty Hazandrano. Nanao andry ho ahy zay ndrozy, sady nampipetsaky ty varavarany, ty hiliny, noho ty barany. ⁴Sady Meremota ro nanamboatsy ty faritsy nanaraky zay. Ie ro anakilahy Oria anakilahy i Hakoza. Tafaran-drozy ro nanamboatsy i Mesolama. Ie ro anakilahy Berekia anakilahy i Mesezabela. Tafaran-drozy ro nanamboatsy i Zadoka. Ie ro anakilahy i Bana. ⁵Tafaran-drozy ty Tekoita ro nanamboatsy, fa tsy nanenky hanao ty asa nampananovy ty mpanara-maso azy ty mpitarikin-drozy. ⁶Jodie anakilahy Pasea noho Mesolama anakilahy Besodia ro nanamboatsy ty Vavahady Tolaha. Nanao andry ho an'i zay ndrozy, sady nampipetsaky ty varavarany, ty hiliny, noho ty barany. ⁷Tafaran-drozy i Melatia Gibeonita noho Jadona Meronotita, ze olo i Gibeona noho Mizpa ro nanao fanambara tamy ty faritsy nipetsaha ty governora ty Faritany Tandriky ty Ony iny. ⁸Oziela anakilahy Haraia ro tanilany teo, raiky amy mpanefy volamena rey, ro nanamboatsy, sady tanilany teo i Hanania, ze mpanao ranomanitsy. Nampolin-drozy namboary i Jerosalema zisiky amy ty Rindry Bevata. ⁹Tanilan-drozy teo i Refaia anakilahy Hora ro nanamboatsy. Ie ro mpanapaky ty antsasaky ty distriky Jerosalema. ¹⁰Tafaran-drozy le i Jedaia anakilahy i Haromafa ro nanamboatsy tanila ty tsanony teo. Tafara le Hatosy anakilahy Hasabnia ro nanamboatsy. ¹¹Malkia anakilahy i Harima noho Hasoba anakilahy i Pahatamoaba le nanamboatsy faritsy hafa manaraky ty Tilikambo ty Fatapera. ¹²Tafaran-drozy ro i Saloma anakilahy i Halohezy, ze mpanapaky ty ila ty distriky i Jerosalema, le nanamboatsy, niaraky tamy anak'ampelany rey. ¹³Hanona noho olo mipetsaky Zanoa rey le nanamboatsy ty Vavahady ty Lohambaibo. Nampolin-drozy naory ze sady napetsakiny ty varavarany, ty hiliny, noho ty sagadony. Nanamboatsy mitovy arivoraiky hakiho zisiky amy ty Vavadin-Jeziky any ndrozy. ¹⁴Ikia anakilahy i Rebeka, mpanapaky ty distriky i Beti-Hakerema, ro nanamboatsy ty Vavahady-Jezika. Ie ro nanamboatsy zay, sady nampipetsaky ty varavarany, ty hiliny, noho ty barany. ¹⁵Saloma anakilahy Kola-Hoze, mpanapaky ty distriky i Mizpa, ro nampimpoly nanambara ty Vavahady ty Loharano. Ie ro nanamboatsy zay, sady nandrakotsy zay noho nampipetsaky ty varavarany, ty hiliny, noho ty barany. Ie avao koa ro nampimpoly nanamboatsy ty vala ty Farihy i Siloa ze tanila ty zariday ty mpanjaka, zisiky amy ty tahotsy mijotso mana amy ty tanà any i Davida. ¹⁶Nehemia anakilahy i Azboka, mpanampaky ty antsasaky ty distriky Beti-Zora, le nanamboatsy tamy ty toera mandalo tso amy ty lolo i Davida, zisiky amy azy farihy iny any nanovin'olombelo, ka le zisiky amy ty tsano olo mahery rey any. ¹⁷Tafarany le ty Levita ro nanamboatsy, anay i Rehoma anakilahy i Bany ao, sady nanaraky azy, Hasabia, azy mpanapaky iny ty antsasaky ty distriky i Keila, ho ahy ty distrikiny. ¹⁸Nanamboatsy tanilany teo ty olon-drozy, tanay zay tao i Bavay anakilahy i Henadada, mpanapaky ty antsasaky ty distriky i Keila. ¹⁹Tafarany, le Ezera anakilahy Jesoa, mpanapaky ta Mizpa ao, ro nanamboatsy faritsy hafa taloha ty fiakara mana amy ty tsano fanajaria kobay-fialia any tan-joro ty vala eo. ²⁰Tanilany teo ro nanome-vata nanamboatsy faritsy hafa Baroka lahilahy i Zabay, bakeo amy ty zoron-dridry zisiky amy ty varavarany-tano i Eliasiba mpisoro bevata any. ²¹Nanamboatsy faritsy hafa tanilany eo i Meremota anakilahy i Oria anakilahy i Hakoza, bakeo amy ty varavarany-tano i Eliasiba ka le zisiky amy ty fara ty tsano Eliasiba any. ²²Tafarany ro mpisoro rey, lahilahy baka amy ty faritsy miodidy an'i Jerosalema, ro nanamboatsy. ²³Tafaran-drozy ro Benjamina noho Hasoba ro nanamboatsy nanandrify ty tsanon-drozy manoka. ²⁴Tafarany i Bonoy anakilahy i Henadada ro nanamboatsy faritsy hafa, bakeo amy ty tsano i Azaria zisiky amy ty zoro ty vala any. ²⁵Palala anakilahy i Ozay le nanamboatsy ty aloha ty zoro ty vala noho ty tilikambo ze mitohy miakatsy baka amy ty tsano abo eo ty mpanjaka amy ty tokotany ty mpiemby eo. Pedaia anakilahy Parosy ro nanamboatsy tanilany teo. ²⁶Sady mpanompony rey ty legilizy nipetsaky ta Ofela ao le nanamboatsy zisiky eo amy ty tandriky ty Vavahadin-dRano antimo ty tilikambo bevata. ²⁷Nanaraky azy le nanamboatsy faritsy hafa ty Tokoita ze tandriky ty tilikambo bevata zisiky amy ty vala i Ofela any. ²⁸Mpisoro rey le nanamboatsy ty Sanabo ty Vavahadin-tsovaly teo, ze tandriky ty tsano ty kirai-draiky. ²⁹Namboatsy ty faritsy hafa tandriky ty tsanony tanilan-drozy teo i Zadoka anakilahy i Imera. Sady nanamboatsy tanilany teo i Semaina anakilahy i Sekania, mpiemby ty vavahady antinana. ³⁰Nanamboatsy faritsy hafa tanilany teo i Hanania anakilahy i Selemia, noho Hanona azy anakilahy faha eny iny i Zalafa. Nanaraky azy i Mesolama anakilahy i Berekia ze nanamboatsy ty tandriky ty efitsanony. ³¹Tanilany teo i Malkia, raiky amy mpanefy volamena rey, ze nanamboatsy ty tsano ty mpiasa an-degilisy noho mpamarotsy rey ze tandriky ty Vavahady Fanondroa noho ty efitsano anabo tan-jorony eo. ³²Mpanefy volamena rey noho mpamarotsy rey le nanamboatsy ty tanivo ty efitsano anabo eo tan-jorony eo noho ty Vavahadin'Aondry.

Chapter 4

¹Sady lafa re Sanbla fa nampitsanga ty vala zahay, le neloky tanainy tao zay, sady nandreky ty heloky ie ka le manambany ty Jiosy. ²Hoy ie tanila rahalahiny teo noho tafiky Samaria: "Fa ino anovy Jiosy kanosa rey toy? Hampimpoly ty tanà ho androzy vasa ndrozy? Hanome soro vasa ndrozy? Ho vitan-drozy anay ty andro raiky ao vasa ty asa? Hameloma vato baka amy korotam-bato fa nioroa ndraiky rey vasa ndrozy?" ³Tobia Amonita ro niaraky taminy, sady hoy ie hozao: "Laha mba nisy am0iboaha olo vasa niakatsy tamy ze atsangan-drozy teo, le handroboky ty vala vaton-drozy zay!" ⁴Janjino, Njanaharinay, fa voarebireby zahay. Ampolio amy ty lohan-drozy avao ty fivolana-ratin-drozy sady engao ndrozy ho gadra amy ty tany ze higadran-drozy any. ⁵Mba ka mampisaro ty helokin-drozy sady mba ka mamafa ty fahotany tsy ho anilanao eo, fa nanohy ty heloky ty mpamboatsy ty vala ndrozy. ⁶Ka le natsanganay ty vala sady nifandramby tamy ty antsasaky ty hahabony eo ty vala iaby safe nanampaniria ty hiasa olo rey. ⁷Fa lafa ré i Sanbala, Tobia, Arabo rey, Amonita rey, sady Asdodita rey fa nandroso ty asa fanamboara ty vala Jerosalema, sady fa hihily toera vaky tamy ty vala teo rey, le nandreky-neloky maré tanaindrozy tao. ⁸Niaraky nandohaliky iaby ndrozy iaby, sady avy hialy tamy Jerosalema ka le nahavy savorovoro tamy zay tao. ⁹Fa nivavaky tamy Njanaharinay zahay sady nampipetsaky mpiemby hiaro amin-drozy andro amy haly noho ty fampitahoran-drozy. ¹⁰Le hoasa olo lako i Joda rey hozao: "Mihalefy ty hery ze milanja enta-mavesatsy rey. Lako maré korotam-bato rey sady tsy afaky mpimpoly nampitsanga ty vala zahay." ¹¹Hoasa fahavalony rey hozao: "Tsy hahay na hahita androzy zisiky-hiavianay amin-drozy eo ka le hamono androzy, sady hampijano ty asa." ¹²Tamy fotoa zay le avy baka amy ty lala any iaby Jiosy ze nipetsaky tanilan-drozy teo rey sady nivola impolo taminay, nampiemby anay ty amy ty tetiky ze anovin-drozy aminay. ¹³Ka le nampipetsaky olo tamy ty faritsy maiva bibiky any amy ty vala tamy ty toera mibaribary eny zaho. Nampipetsaky ty longony kirai-draiky niaraky tamy ty sabany, ty lefony, sady ty kititsiny iaby zaho. ¹⁴Le nijilo zaho, sady nitsanga, ka le hoy zaho tamy olo anabo rey, noho tamy mpanapaky rey, sady tamy ty olo lako sisa rey hoe: "Mba ka matahotsy androzy. Tiarovo ty Tompo, ze bevatavsady mahatseriky. Mialia ho ahy ty longonareo, ty ananareo lahilahy noho ty ananareo ampela, ty valinareo, sady ty longonareo." ¹⁵Sady lafa ré fahavalonay rey fa hainay ty tetikin-drozy, sady nikorontanin-Janahary ty tetikiny, le nimpoly tamy ty vala teo zahay iaby, samby tamy ty asany iaby. ¹⁶Ka le nanomboky tamy fotoa zay le niasa ho ahy ty fanangana ty vala avao ty antsasa mpiasako rey, sady ty antsasakiny nitandraha lefo, fiaro, kititsy, sady nanao akanjo fiarova, laha nitsanga baka afara ao olo lako i Joda iaby rey koa mpitariky rey. ¹⁷Niemby ty fipetsahan-drozy avao koa mpiasa ze nananga ty vala noho nilanja ty enta-mavesatsy rey. Niasa tamy tana raiky iaby ty olo iaby, sady tamy ty tana ilany ro nitandrozy ty fialiany. ¹⁸Ty mpananga iaby ro nanao ty sabany tanilany teo sady manahaky zay ro niasany. Azy raiky ze nampaneno ty trompetra iny ro nijano tanilako teo. ¹⁹Le hoy zaho tamy olo anabo rey noho manam-boninahitsy rey sady tamy olo lako sisa rey hozao: "Bevata sady miitatsy ty asa, sady misaratsaraky isaky tanabo ty vala teo, mifanalavitsy. ²⁰Engaho hilay ho amy ty toera aherezanareo ty feon-trompetsa eo nareo sady hivory eo. Hialy ho antsika ty Njanaharintsika." ²¹Ka le nanovinay ty asa. Ty antsasakin-drozy nitanjaky lefo nanomboky vo marain-dray be ka le zisiky amy fiboaha ty basia. ²²Hoy avao koa zaho tamy olo rey tamy fotoa zay hozao: "Enganie ty olo iaby noho mpiasany handany ty haliky anivo Jerosalema eo, mba ho mpiemby antsika anay ty haliky ndrozy sady ho mpiasa amy ty andro." ²³Ka le na zaho, na rahalahiko rey, na mpiasako rey, na lahilahy tyvmpiemby ze nanaranaky ahy rey, le tsy mba nisy nisolo akanjo zahay, sady nitanjaky fialia ty kirai-draiky taminay, na le handeha hangalaky rano aza.

Chapter 5

¹Sady lahilahy noho valin-drozy rey le nanao fitoreva bevata hanohitsy Jiosy namany rey. ²Safe nisy ilany nanao hozao: "Lako zahay miaraky amy ty anakilahinay noho anak'ampelanay. Ka le enga nie zahay hahazovary mba hafahanay mihina noho mivelo." ³Nisy ilany hafa koa nanao hozao: "Manao antoky ty baibonay, ty tanim-bolobokinay, noho ty tsanonay zahay, mba hazoanay vary anay ty mosary." ⁴Nisy ilany avao koa nanao hozao: "Fa nindra jala handrava ty haba ty mpanjaka tamy ty baibonay noho ty tanim-bolobokinay zahay. ⁵Nefa ty nofotsinay noho ty lionay le mitovy manahaky ty ahy tyvrahalahinay avao, sady ty anakilahinay le mitovy amy ty anan-drozy. Voatery mamarotsy ty anakilahinay noho anak'ampelanay ho andevo zahay. Sady ty ilany amy anak'ampelanay rey le fa nandevozy avao. Nefa tsy amy ty heriny ao ty hanao zay safe fa olo hafa ro tompo ty baibonay noho ty tanim-bolobokinay amy zao." ⁶Le neloky maré zaho laha naharé ty fitorevan-drozy noho safa rey. ⁷Le nieritseritsy mikasiky zay zaho, sady nanday figadrà ho ahy nareo manan-kaja noho manam-boninahitsy rey. Hoy zaho tamin-drozy: "Samby sarotiny amy ty rahalahiny kirai-draiky iaby nareo." Le nanao egilizy-bevata hanohitsy androzy zaho ⁸sady nivola androzy hoe: "Zahay, manahaky ze tsatsiny, le fa nanohitsy tamy ty fanandevoza Jiosy rahalahinay ze nanily rey tamy ty firenea, nefa nareo aza namarotsy ty rahalahinareo noho ty anabavinareo mba hamarotsy androzy aminay!" Le tsy nivola noho tsy nahita safa ho volany ndrozy. ⁹Le nivola koa zaho hozao: "Tsy soa anovinareo zao. Moa tsy tokony handeha amy ty fahatahora an-Janaharintsika va nareo mba hialà ty fivolana raty firenea ze fahavalontsika rey?" ¹⁰Zaho noho ty rahalahiko sady ty mpiasako le fa nampanambotsy jala noho vary androzy. Nefa tsika le tokony hampijano ty fanasia anaky-jala amy fitsosa-jala reny. ¹¹Ampolio amin-drozy amy andro henanikio toy baibon-drozy, tanim-bolobokiny rey, baibo hitiria ty olivany, noho tsanony rey, sady ty isan-jato ty jala, ty vary, ty divay vaovao sady ty menaky ze nampanamborinareo tamin-drozy." ¹²Le hoasa ndrozy: "Hampolinay ze nalanay tami -drozy, sady tsy hitaky ndra ino ndra ino amin-drozy zahay. Hanao manahaky ze lozanao zahay." Le nikaiky mpisoro rey zaho, ka le nampitahy androzy mba hanao manahaky ze fa nampanantenan-drozy. ¹³Nampikopaky ze niforitsy tamy ty akanjoko zaho sady nivola hozao: "Enganie lahy hafahan-Janahary amy ty tsanony noho fananany rey ty olo iaby ze tsy mitanjaky ty fampanantenany. Enganie lahy hafaha noho harava ie." Sady ty egilizy iaby nivola hozao: "Amena," sady nanompo an'Yaveh sady nanao manahaky ze fa nampanantenan-drozy ty olo lako. ¹⁴Ka le tamy ty fotoa ze nanondroa ahy ho governoran-drozy tamy ty tany Joda any, nanomboky tamy ty tao faharopolo ka le zisiky amy ty tao faha telopolo roe amby nanjakà i Artakserksesy mpanjaka, folo roamby tao zay, le tsy mbo nihina hany namea ho ahy ty governoran ndra zaho ndra rahalahiko rey. ¹⁵Nefa governoran faela ze talohako teo rey le nampipetsaky enta-mavesatsy tamy ty olo lako, sady nampandao androzy sekely volafoty efapolo ho ahy ty hany noho divain-drozy isan'andro. Ndra mpiasan-drozy rey aza nampijaly ty olo lako. Fa tsy nanao zay zaho noho ty fatahorako an-Janahary. ¹⁶Nanohy ty asa tamy ty vala teo avao koa zaho, sady tsy nivily tany zahay, sady ty mpiasako iaby le nivory teo hiasa. ¹⁷Sady tamy ty latabatsiko teo ro nisy Jiosy noho manam-pahefa rey, 150 lahy, mandilatsy ze nana aminay any rey baka amy firenea ze miodidy anay rey. ¹⁸Sady ze nihimany isan'andro le aomby raliiky, noho aondry vita faha eny, sady isaky ty folo andro le eaivay lako isan-karazany mifotafotafy, nefa tamy iaby zay le tsy mbo nangataky ty anjara hany ty governoran zaho, sady fangataha zay le tena navesatsy maré tamy ty olo lako teo. ¹⁹Tiarovo zaho, Njanahary, amy ty soa, noho ze iaby nanoviko ho ahy ty olo lako toy.

Chapter 6

¹Sady lafa ré i Sanbala, Tobia, sady Gesema Arabo noho fahavalonay sisa rey fa nanamboatsy ty vala ndraiky zaho sady tsy nisy faritsy driatsy nivoha sady, na le tsy mbo nampitsanga varavara rey tam-bavahady teo aza zaho, ²le hoasa i Sanbala noho Gasema tamiko, nanao hozo: "Andao, handeha tsika hamonjy amy ty fotaky i Ono any ho any." Nefa nikiry ty hanisy raty ahy ndrozy.³Naniraky mpanday hafatsy tamin-drozy tany zaho, nanao hozo: "Manao asa bevata zaho, ka le tsy afaky mijotso. Nanino ro tokony hijano ty asa laha hengako zay ka le mandeha aminao any zaho?" ⁴Nandefa hafatsy mitovy an'efitsy tamiko ndrozy, sady nivaliko mitovy isaky ty mandefa rey.⁵Naniraky ty mpiasany tamiko tato manahaky zay fanindimy i Sanbala, nanday taratasy mivoha tan-tanany teny. ⁶Voasoratsy tany zay tao hozo: "Voasesy amy firenea rey eo zao, sady ambara i Gasema avao koa, fa mitetiky ty hiharo iha noho Jiosy rey, ka le laha zay ro nanamboaranao ty vala ndraiky. Afaky ty volany tatitsy reto, le fa ho avy mpanjakan-drozy iha." ⁷Fa nanondro mpaminany avao koa iha mba hanao fanambara mikasiky anao zao a-Jersalema any, manao hozo: 'Misy mpanjaka a-Joda any!' Mahazo matoky iha fa ho ré ty mpanjaka tatitsy rey. Laha zay miavia, andao tsika hifampiresaky."⁸Le nandefa safa taminy tany zaho manao hozo: "Tsy nisy raha manahaky zay nitsanga manahaky ty volaninao, fa tam-ponao tao avao ro namoronanao rey." ⁹Fa te-hampatahotsy anay ndrozy, nieritseritsy hoe: "Hampiraviravy ty tanan-drozy amy ty fananova asa ndrozy, ka le tsy hovita zay." Nefa amy zao, Njanahary, mba ampaherezo lahy tanako reto."¹⁰Nana an-tsano i Semaia anakilahy i Delaia anakilahy i Mehetabela any, ze tsy afaky nihetsiky tan-tsanony tao zaho. Hoy ie: "Ndao hamonjy an-tsanon-Janahary any tsika, anay ty legilizy ao, sady andao hilitsika ty varavara ty legilizy, safe avy hamono anao ndrozy. Hoavy hamono anao ndrozy amy ty haly." ¹¹Namaly zaho hozo: "Lahilahy manahaky ahy va ro handeha hilay? Hilitsy an-degilizy ao mba hahazoanay manavotsy ty ainy va ty lahilahy manahaky ahy? Tsy hilitsy zaho!"¹²Nimpoly say zaho fa tsy Njanahary ro naniraky azy, fa naminany nanohitsy ahy ie. ¹³Nampikarama azy i Tobia noho Sanbala. Nampikarama azy ndrozy mba hampatahotsy ahy, mba hanavotako ze volaniny ka le hanota, mba hanomezan-drozy anara raty ho ahy hangalan-drozy baraka ahy. Tiarovo Tobia noho Sanbala, Njanahary ô, sady ze iaby nanovin-drozy. ¹⁴Tiarovo avao koa Nodia mpaminany ampela noho mpaminany sisa zy nanondrotsy ty hampatahotsy ahy rey.¹⁵Ka le vita tany ty andro ffaha ropolo limy amby vola Elola ty vala, tafara ty dimampolo roe amby andro. ¹⁶Lafa ré fahavalony rey iaby zay, firenea iaby miodidy rey zay, le natahotsy ndrozy sady lavo maré tamason-drozy teo avao. Fa hain-drozy fa vita tany ty fanampea ty Njanaharinay ty asa. ¹⁷Tany fotoa zay le nandefa taratasy lako tany Tobia tany manan-kaja ta Joda tao rey, sady avy amin-drozy any koa ty taratasy Tobia. ¹⁸Fa nisy lako ta Joda tany ro voafehy ty fiainy taminy, safe vinanto lahy i Sekania anakilahy Ara ie. Sady Johanana anakilahiny fa nanambaly ty anak'ampela Mesoloma anakilahy Berekia. ¹⁹Nivola tamiko mikasiky asa soany rey sady nitatitsy safako rey taminy any avao koa ndrozy. Nandefasa taratasy baka amy i Tobia zaho mba hampitahora ahy.

Chapter 7

¹Lafa vita ty vala sady voapetsako tamy ty toerany varavara rey, sady fa voatondro mpiemby vavahady rey noho mpihira sady Levita rey, ²le nameako an'i Hanany rahalahiko ty fitandraha an'i Jerosalema, miaraky ty fitandraha an'i Jerosalema, miaraky miaraky amy Hanania ze nanara-maso ty fiarova mahery, safe lahilahy mahatoky noho ty lako ie. ³Hoy zaho tamin-drozy hozao: "Mba ka vohá ty vavahady Jerosalema zisiky-hiakara ty masoandro. Laha mbo miemby mpiemby vavahady rey, le afaky manily ty varavara noho manisy sagado nareo. Mitondro mpiemby baka amy ze mpitariky Jerosalema rey any, ty ilany amy ty toeram-piembenan-drozy any, sady ty ilany aloha tsanony rey iaby." ⁴Sady azy taná iny le malalaky noho bevata, nefa tsy ampy ty olo amy zay ao. sady tsy mbo nisy tsano voatsanga. ⁵Njanahary le nampipetsaky tam-poko tao ty hamoria manan-kaja rey, manam-boninahitsy rey, noho olo lako rey mba ho sorata anara manahaky ty longon-drozy. Hitako boky ty tetiara ze nimpoly velohany iny sady hitako voasoratsy ao manaraky reto. ⁶Ndreto ty olo lako ty faritsy ze nandeha niakatsy baka amy ty fahagadra nalefa ze figadra i Nebokadneзара mpanjaka i Babylona. Nimpoly ta Jerosalema any noho Joda ndrozy, samby tanàny iaby. ⁷Niaraky tamy i Zerobabela, Jesoa, Nehemia, Azaria, Ramia, Nahanany, Mordekay, Bilsana, Mispereta, Bigvay, Nehoma, sady Bana ndrozy. Ty hisa lahilahy ty olo lakon'Israely rey le ahita manaraky ndreto. ⁸2.172 ty tariha i Parosy. ⁹372 ty tariha i Sefatita rey. ¹⁰652 ty tariha i Ara rey. ¹¹2.818 ty tariha i Pahatamoela rey, baka amy ty tariha i Jesoa noho Joaba. ¹²1.254 ty tariha i Elama. ¹³845 ty tariha i Zato. ¹⁴760 ty tariha i Zakay. ¹⁵648 ty tariha i Binoy. ¹⁶628 ty tariha i Bebay. ¹⁷2.322 ty tariha i Azgada. ¹⁸667 ty tariha i Adonikama. ¹⁹2.067 ty tariha i Bigvay. ²⁰655 ty tariha i Adina. ²¹98 ty tariha i Atera, baka amy i Hezekia. ²²328 ty tariha i Hasoma. ²³324 ty tariha i Bezay. ²⁴112 ty tariha i Harifa. ²⁵95 ty tariha i Gibeona. ²⁶188 ty olo baka Betlehema noho Nefota any. ²⁷128 ty olo baka Anatota any. ²⁸42 ty olo baka Bet-azmaveta any. ²⁹743 ty olo baka Kiriata-Jearima any, Kefira, sady Berota. ³⁰621 ty olo i Rama noho Geba. ³¹122 ty olo i Mikmasy. ³²123 ty olo i Betela noho Ay. ³³52 ty olo Nebo hafa iny. ³⁴1.254 ty olo i Elama hafa. ³⁵320 ty olo i Harima. ³⁶345 ty olo i Jeriko. ³⁷721 ty olo i Loda, Hadida, sady Ono. ³⁸3.930 ty olo i Sena. ³⁹973 mpisoro rey: le ty tariha i Jedaia (baka amy ty tsano i Jesoa). ⁴⁰1.052 ty tariha Imera. ⁴¹1.247 ty tariha i Pasora. ⁴²1.017 ty tariha i Harima. ⁴³74 Levita rey: le ty tariha i Jesoa, Kadmiela, Binoy, sady Hodavia. ⁴⁴148 mpihira rey: le ty tariha i Asafa. ⁴⁵138 mpiemby vavahady ty tariha i Saloma rey, tariha i Atera, tariha i Talmona, tariha i Atera, tariha i Talmona, tariha i Akoba, ty tariha i Hatita, ty tariha i Sobay. ⁴⁶Mpiasa ty egilizy rey: Le ty tariha i Ziha, ty tariha i Hasofa, ty tariha i Tabaota, ⁴⁷ty tariha i Kerosa, ty tariha i Sia, ty tariha i Padona, ⁴⁸ty tariha i Lebana, ty tariha i Hagaba, ty tariha i Salmay, ⁴⁹ty tariha i Hanana, ty tariha i Gidela, ty tariha i Gahara. ⁵⁰Ty tariha i Reaia, ty tariha i Rezina, ty tariha i Nekoda, ty tariha i Gazama, ⁵¹ty tariha i Oza, ty tariha i Pasea, ty tariha i Besay, ⁵²ty tariha i Meonita, ty tariha i Nefisita. ⁵³Ty tariha i Bakboka, ty tariha i Hakafa, ty tariha i Harora, ⁵⁴ty tariha i Bazlita, ty tariha i Mehida, ty tariha i Harsa, ⁵⁵ty tariha i Barkosa, ty tariha i Sisera, ty tariha i Tema, ⁵⁶ty tariha i Nezia, ty tariha i Hatifa. ⁵⁷Ndreto tariha ty mpiasa i Solomona: le ty tariha i Sotahy, ty tariha i Sofereta, ty tariha i Perida, ⁵⁸ty tariha i Jala, ty tariha i Darkona, ty tariha i Gidela, ⁵⁹ty tariha i Sefatita, ty tariha i Hatila, ty tariha i Pokerata-hazebaima, ty tariha i Amona. ⁶⁰Mpiasa ty egilizy rey, noho tariha mpiasa i Solomona rey le mihisaky 392. ⁶¹Ndreto ro olo nandeha niakatsy baka Tela-meka any, Tela-harsa, Kerofa, Adona, sady Imera. Nefa tsy afaky nanaporofa ndrozy fa ndrozy na longo ty tarihandrozy rey le tariha baka amin'Israely: ⁶²le tariha Delaia rey, ty tariha Tobia, sady ty tariha Nekoda, ze 642. ⁶³Ndrozy ze baka amy mpisoro rey: le ty tariha Hobaiia, Hakoza, sady Barzilay (ze nangalaky ty valiny baka amy anak'ampela iBarzilay rey baka Gileada any sady nikaihy tamy anaran-drozy). ⁶⁴Rozy ro nila ty fipitihan-drozy an-tsorafsy tamy nisorata anara tamy ty tetiky-ratin-drozy, fe tsy hita rey, ka le voahilikiliky tamy ty fisorona haloto ndrozy. ⁶⁵Bakeo ty Governera nivola tamin-drozy fa tsy tokony hamea alala hihina ty fizaran-kany mpisoro baka amy ty baka amy ty soro ndrozy zisiky-hitsangana ty mpisoro raiky miaraky amy ty Orima noho Tomima. ⁶⁶42.360 ty fiharoa ty goropy iaby, ⁶⁷hafa ty lahilahy noho ty mpiasan-drozy sady ty mpiasa ampelan-drozy, ze nisy 7.337. Nana mpihira lahilahy noho ampela 245 ndrozy. ⁶⁸736 ty hisaky ty sovalin-drozy, 245 ty ampondra, ⁶⁹435 ty rameva, sady 6.720 boriky rey. ⁷⁰Ty ilany tamy loha ty longo razambe rey le manome fanomeza ho ahy ty asa. Namea ty governera dariky volamena arivoraiiky, koveta 50, sady akanjo fisorona 530 ho ahy ty rakitsy. ⁷¹Ty ilany amy ty loha longo razambe reyle nanome dariky volamena roa aly noho manome volafoty 2.200 ho ahy y rakitsy. ⁷²Ty sisa tamy olo lako rey le nanome dariky volamena roa rivo, noho mane volafoty roa aly, sady akanjo fisorona enimpolo fito amby. ⁷³Laha zay mpisoro rey, Levita rey, mpiemby vavahady rey, mpihira rey, ty ilany amy ty olo lako, mpiasa ty egilizy rey, sady ty Israely iaby le nipetsaky tamy ty tanàn-drozy any. Tamy ty vola fahafito ro nametsaha ty olo lakon'Israely tamy ty tanàn-drozy tao."

Chapter 8

¹Nivory manahaky ty olo raiky tankalamanjana teny taloha ty Vavahadin-Drano teo ty olo lako iaby. Ndrozy ro nangataky an'i Ezra mpisoro mba handay ty boky ty lalà i Mosesy, ze nibekoa Yaveh an'Israely. ²Tamy ty andro veloha ty vola fahafito, le nanday ty lalà taloha ty fiangona i Ezra mpisoro eo. ndra lahilahy ndra ampela, sady iaby ze afaky nijanjy noho nahatakatsy. ³Nitariky ty kianja malalaky aloha ty Vavahadin-drano ie, sady namaky zay vo marain-dray bibiky zisiky amy ty mitataovovona, taloha lahilahy noho ampela rey, noho ze afaky mahatakatsy, sady le nijanjy soa boky ty lalà iny olo iaby rey. ⁴Bakeo Ezra mpanora-dalà nitsanga tanabo ty lampihazo ze namboary ty olo ho amy zay. Nitsanga tankavanany i Matitia teo, Sema, Anaia, Oria, Hilkia, sady Mahasela; sady i Pedaia, Misaela, Malkia, Hasoma, Hasbadana, Zakaria, sady Mesolama le nitsanga tamy ty ilany ankavia teo. ⁵Nisokafy i Ezra tamaso ty olo iaby ty boky, safe nitsanga anabo noho olo rey ie, sady lafa nisokafy zay le nitsanga iaby ty olo. ⁶Ezra le nanome fisaora an'Yaveh, azy Njanahary bevata iny, sady olo iaby rey nanondrotsy ty tanany sady namaly hozao: "Amen! Amen!" Bakeo ndrozy nanondriky ty lohan-drozy sady nanompo an'Yaveh tamy ty nametsaha ty tarehin-drozy tamy ty tany. ⁷Jesoa, Bani, Serebia, Jamina, Akoba, Sabetahy, Hodia, Mahaseia, Kelita, Azaria, Jozabada, Hanana, Pelaia---Levita rey--- le nanampy olo ret mba hahatakatsy azy lalà avao koa, laha mbo nipetsaky tamy ty toerany teo olo rey. ⁸Nivakin-drozy tamy ty boky tao, ty Lalàn-Janahary, nanazava zay tamy ty fandika noho fanomeza ty dikany zay mba hahatakara olo rey ty vakintsafa. ⁹Nehemia governera, noho i Ezra mpisoro noho mpanora-dalà, sady Levita rey ro nandika tamy ty olo sady nivola tamy ty olo iaby hozao: "Masy andro toy amy Yaveh Njanaharinareo. Mba ka misaona na mitany." Safe nitany iaby ty olo iaby lafa naharé safy ty lalà rey. ¹⁰Bakeo Nehemia nivola tamin-drozy hozao: "Mandehana amy ty lalanareo, mihinàna matavy sady mino raha-inomy mamy, sady alefaso amy zay tsy nahaoma ndra ino ndra ino ty ilany amy zay, fa andro toy le masy amy ty Tompotsika. Mba ka malahelo, fa ty fifalea Yaveh ro herinao." ¹¹Ka le tsy nampivolany Levita rey olo rey, nanao hozao: "Mamantsy! safe masy andro toy. Mba ka malahelo." ¹²Sady nandeha tamy ty lalany ty olo iaby mba hihina noho hino sady mba hizara hany noho hankalaza am-pifalea bevata safe takatsin-drozy ty safy ze nampahaizy androzy. ¹³Tamy ty andro faharoe mpitariky rey ty longo razambe rey baka amy ty olo iaby, mpisoro rey noho Levita rey, le avy niaraky tamy Ezra mpisoro teo mba handiniky laliky safy lalà rey. ¹⁴Hitan-drozy voasoratsy tamy ty lalà ty fomba nibekoa Yaveh tao tamy ty alala i Mosesy fa ty olo lakon'Israely le tokony hipetsaky anay lay anay ty fifalefalea amy ty vola fahafito. ¹⁵Ndrozy ro tokony hanao fanambara amy ty tanà iaby eny, noho Jerosalema ao, manao hozao: "Mandehana amy ty tany vohitsy eny, sady mandaisa sampan'oliva noho hazon'oliva, noho sampan-drotsa, sampan-drofia noho sampan-kazo bevata, mba hanamboatsy lay, manahaky ty voasoratsy." ¹⁶Ka le niboaky ty olo sady nanday sampan-kazo rey nimpoly sady nanao lay ho androzy, isaky ty tafon-drozy iaby, tan-tokotanin-drozy teny, tamy ty tokotany ty tsanon-Janahary teny, tamy ty kianja malalaky aloha ty Vavahadin-drano teny, noho tamy ty kianja malalaky anila ty Vavahady i Efraima teny. ¹⁷Ty fiangona iaby ze nimpoly baka amy ty fahagadra rey le nanamboatsy lay sady nipetsaky tanainy ao. Fa nanomboky tamy ty andro i Josoa anakilahy Nona zisiky amy andro io, le tsy nankalaza fifalefalea zay ty olo lakon'Israely, ka le bevata vatany ty hafalean-drozy. ¹⁸Isan'andro san'andro avao koa, nanomboky tamy ty andro velohany ka le zisiky amy farany, le namaky ty boky ty lalàn-Janahary i Ezra. Niemby ty fifalefalea anay ty fito andro ndrozy sady ty andro fahavalo ro fiarova mihetsiketsiky, mba ho fankatoava ty lalà.

Chapter 9

¹Sady tamy ty andro faha folo efatsy amby vola io avao ro nivory noho nifaly hany ty olo lakon'Israely, sady nisiky akanjo fisaona drozy, sady nanosotsy lemboky ty lohany. ²Nampisaraky ty vatany tamy vahiny iaby rey ty tariha Israely. Nitsanaga sady nieky ty fahotan-drozy noho ty raty nanovy ty razambeny ndrozy. ³Nitsanga tamy ty toerany eo ndrozy, sady tamy ty ampaha efatsy ty andro ro namaky ty tamy ty boky ty lalà Yaveh Njanahariny ao ndrozy. Fa tamy ty ampaha efatsy ty andro hafa ro nieky ty helokiny noho nandohaliky tanila Yaveh Njanahariny eo ndrozy. ⁴Levita rey, Jesoa, Bany, Kadmiela, Sebania, Bony, Serebia, Bany, sady Kenany, le nitsanga tamy ty tahotsy eo sady nikaiky tamy ty feo abo an'i Yaveh Njanaharin-drozy. ⁵Sady Levita rey, Jesoa, noho Kadmiela, Bany, Hasbania, Serebia, Hodia, Sebania, sady Petahia, nanao hozao: "Mitsangana sady manompoa an'Yaveh Njanaharinareo mandrakizay doria." Hisaotsy ty anaranao bevata voninahitsy lahy ndrozy, sady asondroto anabo ty fisaora noho fanompoa iaby lahy zay. Iha ro Yaveh. Iha raiky avao. ⁶Iha ro nanao ty lanitsy, ty lanitsy abo bibike, mbamy ty maramilany iaby, noho ty tany noho ze iaby aminy eo, sady ty riaky noho ze iaby aminy ao. Nanome at azy iaby Iha, sady ty maramila ty lanitsy manompo Anao. ⁷Iha ro Yaveh, azy Njanahary ze nitingy an'i Abrama, noho nanday azy niboaky an'i Ora ty Kaldeana, sady nanome azy ty anara Abrahama. ⁸Iha ro nahita fa nahatoky tanilanao teo ty fony, sady Iha nanao fanekea taminy mba hanome ty tany Kananita rey, Hetita rey, Perizita rey, Jebosita rey, sadyGirgasita rey ho ahy ty tarihany. Nitandraky ty fampanantenanao Iha safe Iha ro marina. ⁹Nahita ty fijalea ty razany ta Egipta any Iha, sady naharé ty fitorevan-drozy tamy ty Riaky Mena teo. ¹⁰Nanome famantara noho hatsereha manohitsy an'i Farao rey, noho ty mpiasany iaby, sady ty olo iaby tamy ty taniny ao Iha, safe Iha ro nahay fa Egyptiana rey ro nanao fihetsiky anabo tamin-drozy. Kanefa nanao anara ho ahy Nao Iha ze mitsanga zisiky-amy zao. ¹¹Sady nampisaraky ty riaky talohan-drozy teo Iha, mba hafahan-drozy mandeha anivo ty riaky amy ty tany maiky; sady nanoraky ze nania androzy rey ho amy ty laliky any, manahaky ty vata atoraky anay laliky Iha. ¹²Tamy ty andrin-draho ro nandaisanao androzy tamy ty andro, sady andrin'afo koa anay ty haly mba hitsilo ty lala halehan-drozy. ¹³Nijotso tam-bohitsy ao Sinay Iha sady niresaky tamin-drozy baka amy ty lanitsy ao sady nanome androzy fitsipiky mahity noho lalà marina, beko noho lily soa. ¹⁴Nampahaizinao androzy ty andro Sabata masinao, sady nanome androzy lily, noho fitsipiky, sady lalà tamy ty lala i Mosesy mpanomponao Iha. ¹⁵Nanome mofo baka an-danitsy any ndrozy Iha noho ty hanohanany, sady rano baka amy ty lafiam-bato noho ty hetahetany, sady Iha nivola androzy mba hilitry hangalaky ty tany niananao mba hameanao androzy. ¹⁶Fa tsy manaja anao ndrozy noho ty razany, sady mahery loha, sady tsy nijanjy lilinao rey ndrozy. ¹⁷Nandá tsy hijanjy ndrozy, sady tsy nisahiny momba hatsereha rey ze ca nanovy tamin-drozy, fa nanjary mahery loha, sady tamy ty fiharoan-drozy ro nanondro mpitariky himpoly amy ty fanandevoza ndrozy. Fa Iha ro Njanahary ze atsiky famelan-keloky, bevata fahasoava noho fangoraha, tsy mora neloky, sady atsiky fitea tsy miova. Tsy niala androzy Iha. ¹⁸Ndra le fa nana aombilahy kelikely hitily iny aza ndrozy sady nanao hozao: 'Toy ro Njanaharinareo ze nanday anareo niakatsy niala ta Egipta eny,' sady fa nanao fangataha bevata, Iha, tamy ty fangoraham-ponao ¹⁹le tsy niala androzy tan'efitsy tany. Ty andrin-draho mitariky androzy amy ty lala le sy mba niala androzy anay ty andro, na ty andrin'afo ty haly mba hazava ty lala-andehanan-drozy. ²⁰Namea androzy ty Fanahinao soa mba hampianatsy androzy, sady tsy niaro ty namanao tsy ho amy ty vavan-drozy eo Iha, sady ty rano namea androzy noho ty hetahetany. ²¹Tanay ty efapolo tao ro nanovanao androzy tam-baliky tany, sady tsy mijaly ndra ino ndra ino ndrozy. Ty akanjon-drozy le tsy tonta sady ty lelatombon-drozy le tsy nivonto. ²²Nanome fanjaka noho olo lako ho androzy Iha, tamy ty fahendrea androzy isaky ty vazan-tany. Sady nangalaky ty tany Siona mpanjaka i Hesbona noho ty tany Oga mpanjaka i Basana ho fanana ndrozy. ²³Nanovinao mora hisaky manahaky ty basia ty lanitsy ty anakin-drozy, sady nandesinao tamy ty tany ze nivolaninao any ty razambeny mba handehandeha noho ala ho fanana ndrozy. ²⁴Ka le nilitsy ty olo lako sady nangalaky ty tany ho fanana sady Iha nandresy olo ty tany rey, le Kananita rey tanilan-drozy teo. Nameanao rey mba ho antanan-drizy eo, miarakany amy ty mpanjakan-drozy noho ty olo lako ty tany, mba hafaha Israely manao ze soa azy amin-drozy eo. ²⁵Nitea tanà mivala noho tany mamokatsy rey ndrozy, sady nitea tsano atsiky raha-soa, famorian-drano fa voately, tanim-boloboky noho tanin'oliva, sady hazo fihinan'alika lako. Sady nihina noho afa-po noho niha-natavy sady nanao ze nahafaly azy ndrozy noho ty hasoanao bevata. ²⁶Sady nanjary tsy mpakatò ndrozy sady niharo hanohitsy Anao. Natoraki-drozy tan-dabosiny any ty lalànao. Namono mpaminaninao rey ze nampiemby azy mba himpoly aminao ndrozy, sady nanao fandratria bevata ndrozy. ²⁷Ka le nameanao tan-tanany teny ty fahavalony, ze nampijaly azy ndrozy. Tamy ty fotoa nijaleany, le nitoreo taminao ndrozy, sady Iha naharé androzy baka an-danitsy any, sady noho ty famalozam-ponao bevata le nandefa mpamonjy mba hanavotsy androzy an-tana fahavalony rey eo. ²⁸Fa lafa baka nijano ndrozy, le nanao raty tanilanao teo ndraiky, sady niala androzy tan-tany fahavalony Iha, laha zay le nifehy androzy ty fahavalony. kanefa lafa nimpoly noho nitoreo

taminao ndrozy, le nahare baka an-danitsy any Iha, ²⁹sady matetiky Iha ro namonjy androzy noho ty famalozam-ponao. Nampiemby androzy amy ty mba himpolian-drozy amy ty lalànao Iha. Kanefa niavonavo noho ty nijanjy ty lilinao ndrozy. Nanota nanohitsy ty lilinao ze nanome ay ho ahy ze nankató azy ndrozy. Nampahery ty hatokiny noho nampihemotsy ty sorony sady nandà tsy hijanjy androzy. ³⁰Fa tao lako ro nandeferanao noho nampiembenanao androzy tamy ty alala ndrozy. Ka le nameanao ho an-tana olo mipetsaky miodidy androzy eo. ³¹Kanefa noho ty habevata ty famalozam-ponao le tsy nandrava azy tanteraky Iha, ndra nahafoy androzy, safe Iha le Njanahary bevata fahasoava noho bevata indrafo. ³²Sady laha zay, Njanaharinay--- Iha bevata, mahery, sady matahotsy ze miemby ty fanenkeanao noho ty niteanao tsy miovaova---engaho tsy ho kelikely Aminao zao rahasarotsy iaby ze nahazo taminay, tamy mpanjakanay, tamy andrian-dahinay rey, noho tamy mpisoronay rey, tamy mpaminaninay rey, noho tamy razambenay rey, sady tamy ty olo lakonao iaby zisiky amy ty andro ty mpanjaka Asyria any ka le zisiky androany zao. ³³Iha ro marina tamy ze iaby nahazo anay, safe Iha ro nanday am-pahatokia, kanefa zahay ro nanao fihetsiky nanoro faharatia. ³⁴Mpanjakanay rey, andrian-dahinay rey, mpisoronay rey, sady razambenay rey le tsy niemby ty lalànao, na niemby lily noho lalàm-panenkea rey ze nampiembenanao androzy. ³⁵Ndra le tamy ty fanjakan-drozy raiky aza, laha nitea ty soa bevata nanovinao taminy ndrozy, tamy ty tany malalaky noho mamokatsy ze nanovinao tanilan-drozy teo, le tsy mba nanompo Anao ndrozy na niala tamy fomba ratiny rey. ³⁶Amy zao zahay le andevo amy ty tany nameanao ty razambenay mba hotea ty vokatsy noho ty fanomeza soa zay, sady ingo, andevo amy zay ao zahay! ³⁷Ty mpanarivo nahazo tombony tamy ty taninay le mana amy ty mpanjaka any ze napetsanao mba hanjaka aminay ao noho ty fahotanay. Ndrozy ro manapaky amy ty vatanay eo noho ty biby harénay manahaky ze teany. Anay fahoria bevata zahay. ³⁸Laha zay iaby, le manao fanenkea antontan-taratasy vita tampô ty anara andrian-dahinay, Levita rey, sady mpisoro rey."

Chapter 10

¹Amy antontan-taratasy ao Vita tampô i Nehemia, governora, anakilahy Hakalia Zedekia, ²Seraia, Azaria, Jeremia, ³Pasora, Amaria, Malkia, ⁴Hatosy, Sebania, Maloka, ⁵Harima, Meromota, Obadia, ⁶Daniela, Ginotona, Baroka, ⁷Mesolama, Abia, Miamina, ⁸Mazia, Bilgay, noho Semaia. Rey ro mpisoro. ⁹Levita rey le: Jesoa anakilahy Azania, Binoy baka amy ty longo Henadada, Kadmiela, ¹⁰sady Levita namany rey le i Sebania, Hodia, Kelita, Pelaia, Hanana, ¹¹Mika, Rehoba, Hasabia, ¹²Zakora, Serebia, Sebania, ¹³Hodia, Bany noho Benino. ¹⁴Mpitariky ty olo rey le: Parosy, Pahata-moaba, Elama, Zato, Bany, ¹⁵Bony, Azgada, Bebay, ¹⁶Adonia, Bigvay, Adina, ¹⁷Atera, Hezekia, Azora, ¹⁸Hodia, Hasoma, Bezay, ¹⁹Harifa, Anatota, Nebay, ²⁰Magpiasy, ²¹Mesolama, Hezira, Mesezabela, Zadoka, Jadoa, ²²Pelatia, Hanana, Anaia, ²³Hosea, Hanania, Hasoba, ²⁴Halohesy, Pila, Sobeka, ²⁵Rehoma, Hasabna, Mahaseia, ²⁶Ahia, Hanana, Anana, ²⁷Maloka, Harima, sady Bana. ²⁸Fa ty olo sisa, ze mpisoro, Levita, mpiemby vavahady, mpihira, mpiasa ty egilizy, noho ty iaby ze nampisaraky ty vatany tamy olo tamy ty tany miodidy rey eo noho nanokantenana ho ahy ty lalàn-Janahary, anay zay valiny rey, anakilahiny rey noho anak'ampelany rey, iaby manampahaiza rey noho fahazavan-tsay, ²⁹niaraky niharo tamy rahalahiny rey, olo anabo ndrozy rey, sady namehy ty vatany tamy ty ozo noho ty fiaina ty handeha amy ty lalàn-Janahary, ze namea i Mosesy mpiasan-Janahary, sady mba handiniky noho hankato ty lilyn'Yaveh Tompontosika noho ty fitsipiky sady lalàny iaby rey. ³⁰Nitahy zahay fa tsy hanome ty anak'ampela ho ahy ty olo mipetsaky amy ty tany hangalaky ty anakin-drozy ampela ho ahy ty anakilahiny. ³¹Nitahy avao koa zahay fa laha manday entam-barotsy na mety ho vary havily olo mipetsaky amy ty tany rey amy ty andro Sabata, le tsy hivily amin-drozy amy ty andro Sabata na amy ze andro masy zahay. Isaky ty fito tao ro hampangalanay at ty taninay, sady haravanay tsosa iaby rey ze nifanarahanay tamy Jiosy hafa rey. ³²Enkenay ty fibekoa ty hanomeza ty ampahantelon-tsekely isan-tao ho ahy ty fanompoa ty tsano ty Njanaharinay, ³³ho famatsia ho ahy ty mofo ty famonjea, noho ho ahy ty fanomeza hohany tsy tapaky, ty fanomeza oroa amy ty andro Sabata, fety veloham-bola rey noho andro fifalefalea voatondro rey, noho ho ahy fanomeza masy rey, noho ho ahy fanomeza noho ty fahota rey ho fanavota ho ahy ty Israely, mbamy ze iaby asa ho ahy ty tsano Njanaharinay. ³⁴Nanao loka ho ahy ty fanomeza kata mpisoro rey, Levita rey, noho ty olo lako. Loka rey ro hitingy ty amy ze longonay handay ty kata ho an-tsano Njanaharinay ao amy ty fotoa voatondro isan-tao, mba ho oroa amy ty alitara Yaveh Njanaharinay eo, manahaky ze voasoratsy amy ty lalà ao. ³⁵Nitahy ty handay veloham-bokatsy rey ze maniry baka amy ty taninay, noho veloham-bokatsy ty hazo iaby rey isan-tao an-tsano Yaveh ao zahay. ³⁶Manahaky ze voasoratsy amy ty lalà ao, nitahy ty handay ty velohan-teraky anakilahiny rey noho aomby noho ty aondry noho aosinay an-tsanon-Janahary ao noho amy mpisoro ao ze manompo ao zahay. ³⁷Handesinay ty velohankobanay noho ty fanomeza hany, sady ty voa ty hazo iaby, noho ty divay vaovao sady ty solo-bonio ze andesy amy mpisoro rey eo, ho amy ty efitsy fanajaria ty tsano ty Njanaharinay eo. Handesinay amy Levita rey eo ampahafolo ty baka amy ty taninay rey eo safe Levita rey le mamory ty ampahafolon-kanana amy renivohitsy iaby ze hiasanay rey eo. ³⁸Tsy maintsy misy mpisoro, tariha Arona miaraky amy Levita rey lafa mandramby ty ampahafolon-kanana ndrozy. Levita rey le tsy maintsy manday ty ampahafolo amy ty ampahafolon-kanana ho amy ty tsano Njanaharinay ao ho amy ty efitsy fanajaria ty fandatsahan-drakitsy any. ³⁹Ty olon'Israely noho tarihav'Levy rey ro manday fandrambesa anjara amy ty vary rey, divay vaovao, sady solo-bonio amy ty efitsy fanajaria ze hanajaria ty raha masy any noho ze hanompoa ty mpisoro, noho mpiemby vavahady rey, sady hipetsaha mpihira rey. Tsy hanovinay fahantany ty tsano Njanaharinay.

Chapter 11

¹Nipetsaky ta Jerosalema ao mpitariky ty olo lako rey, sady ty olo lako ambiny ro nanao loka mba handaisa ty raiky amy olo rey hipetsaky a-Jersalema any, tanà masy rey, sady sivy hafa nipetsaky tamy tanà hafa any rey.

²Bakeo ty olo lako nitsipi-rano iaby ze nanome-vata an-tsitsapo ty hohany ta Jerosalema any rey.³Rey ro manam-boninahitsy ty faritany ze nipetsaky ta Jerosalema any. Kanefa, le nipetsaky tamy ty taniny any iaby ty olo tamy ty tanà ty Joda any, anay zay ty ilany amy Israelita rey, mpisoro rey, Levita rey, mpiasa ty egilizy rey, sady tariha ty mpiasa Solomona rey.

⁴Ta Jerosalema any ro nipetsaha ty ilany tamy tariha Joda rey le tariha Benjamina. Olo lako baka amy ty tariha Joda rey noho tariha Benjamina rey. Olo lako baka amy ty tariha Joda rey le ahita an'i: Ataia anakilahy Ozia anakilahy Zakaria anakilahy Amaria anakilahy Sefatia anakilahy Mahalila, azy tariha Fereza iny.

⁵Ta i Maseia anakilahy Baroka anakilahy i Kola Azeha anakilahy Hazaia anakilahy Adaia anakilahy i Joariba anakilahy Zakaria, anakilahy ty Silonita.

⁶Anakilahy i Fareza iaby ze nipetsaky ta Jerosalema rey tao le 468. Ndrozy ro lahilahy mivavaky.

⁷Ndreto iaby tariha i Benjamina rey: Salo anakilahy i Mesolama anakilahy i Joeda anakilahy i Pedaia anakilahy i Kolaia anakilahy Maseia anakilahy i Itiela anakilahy i Jesaia,

⁸sady manaraky azy rey, le Gabay noho Salay, lahilahy 928.

⁹Joela anakilahy i Zisria ro mpitarikin-drozy, sady Joda anakilahy i Hasenoa ro faharoe amy ty fibekoa amy ty tanà eo.

¹⁰Baka amy mpisoro rey: Jedaia anakilahy i Joariba, Jakina,

¹¹Seraia anakilahy i Hilikia, anakilahy i Mesolama anakilahy i Zodoka anakilahy i Meraiota anakilahy i Ahitoba, be ty manam-pahefa ty tsanon-Janahary,

¹²sady ty lahilahin-drozy ze nanao ty asa amy ty tsano ao, lahilahy 822, miaraky Adaia anakilahy i Jeroama anakilahy i Pelaia anakilahy i Amzi anakilahy i Zakaria anakilahy i Pasora anakilahy i Malkia.

¹³Lahilahy rey le loha foko rey, lahilahy 242; Amasay anakilahy Azarela anakilahy Ahazay anakilahy i Mesilemota anakilahy i Imera,

¹⁴sady rahalahiny rey, lahilahy mahery fo amy ty aly 128; mpitarikiny rey le i Zabdiela anakilahy i Hagedolima.

¹⁵Baka amy Levita rey le: i Semaia anakilahy i Hasoba anakilahy i Azrikama anakilahy i Hasabia anakilahy i Bony,

¹⁶sady Sabetay noho Jozabada, ze baka amy ty mpitariky Levitavrey, ze mitanjaky ty asa ambaliky ty tsanon-Janahary.

¹⁷Sady Matania anakilahy Mika anakilahy Zabdy, azy tariha Asafa iny, azy be ze nanomboky ty fanomezam-pisaora tamy ty vavaky iny, sady Bakhokia, faharoe amy ty lahilahiny, sady Abda anakilahy i Somoa anakilahy i Galala anakilahy i Jedotona.

¹⁸Ty Levita iaby tamy ty tanà masy ao ro niisa 284.

¹⁹Iemby vavahady rey le: i Akoba, Talmona, sady namany rey, ze nanaramaso vavahady rey, lahilahy 172.

²⁰Ty Israely ambiny noho mpisoro rey sady Levita ze tamy tanà i Joda iaby rey. Ty kirai-draiky nipetsaky tamy ty lovan-taniny tao iaby.

²¹Mpiasa ty egilizy rey nipetsaky ta Ofela any, sady Ziha noho Gispa namoro androzy.

²²Ty be ty manam-boninahitsy tamy Levita ta Jerosalema rey any le i Ozy anakilahy Bany anakilahy Hasabiaha anakilahy Mataniaha anakilahy Mika, tamy ty tariha Asafa, mpihira tamy ty asa tamy ty tsanon-Janahary ao.

²³Tambany ty beko baka amy ty mpanjaka ndrozy teo, sady beko sarotsy rey ro namea mpihira rey manahaky ty nitakea isan'andro.

²⁴Bakeo Petaia anakilahy i Mesezabela, tariha Zera anakilahy i Joda, le tanila ty mpanjaka tamy raha iaby rey teo mikasiky ty olo lako.

²⁵Laha tanà rey noho baibon-drozy rey, ty ilany tamy ty olo lako i Joda le nipetsaky ta Kiriata-Arba noho tanány reyany, sady ta Dihona noho tanàny rey,

²⁶sady ta Jekabzela noho tanàny rey any, sady ta Jesoa any, Molada, Beti-paleta,

²⁷Hazarasoala, sady Biry-seba noho tanàny rey.

²⁸Ty ilany tamy olo alako i Joda rey le nipetsaky ta Ziklagy any, Mekona noho tanány rey,

²⁹Enrimona, Zora, Jarmota,

³⁰Zanoa, Afolama, noho ty tanà rey, sady ta Lakisa baibony any sady Azeka noho tanàny rey. ka le nipetsaky baka Beri-sheba any ka le zisiky amy ty loham-baibo i Hinoma ndrozy.

³¹Nipetsaky taloha i Geba teo avao koa olo lako Benjamina rey, ta Mikmasy noho Aia any, ta Betela noho tanàny rey any,

³²ta Anatota any, Noba, Anania,

³³Hazora, Rama, Gitaima,

³⁴Hadida, Jeboima, Nebala,

³⁵Loda, sady Ono, sady ty loham-baibo mpanao asa tana rey.

³⁶Ty ilany amy Levita ze nipetsaky ta Joda tao rey le nitondroe tamy ty olo lako i Benjamina .

Chapter 12

¹Ndreto iaby mpisoro noho Levita ze niakatsy tamy i Zerobabela anakilhy Sealtielahy noho niarakany tamy Jesoa rey: Seraia, Heremia, Ezra, ²Amaria, Maloka, Hatosa, ³Sekania, Rehoma, sady Meremota. ⁴Nisy an'i Ido, Gineto, Abia, ⁵Miamina, Madia, Bilga, ⁶Semaia, Joariba, Jedaia, ⁷Salo, Amoka, Hilikia, Jedaia. Rey ro mpitariky mpisoro noho mpiara-miasa amin-drozy rey tamy ty andro i Jesoa. ⁸Levita rey le Jesoa, Binoy, Kadmiela, Serebia, Joda, sady Matania, ze namoro ty hira fanomezam-pisaora, miarakany amy mpiara-miasa aminy rey. ⁹Bakbokia noho Ono, mpiara-miasa aminy, le nitsanga nanandrify androzy nay ty asa fanompoa. ¹⁰Jesoa ro baba i Joiakima, Joiakima niteraky an'i Eliasiba, Eliasiba niteraky an'i Joiada, ¹¹Joiada niteraky an'i Jonatana, Jonatana noteraky an'i Jadoa. ¹²Tamy ty andro Joiakima le ndreto iaby ro mpisoro, lohan-dongo rey: Meraia loha i Seraia, Hanania loha i Jeremia, ¹³Mesolama loha i Ezra, Johanana loha i Amaria, ¹⁴Jonatana loha i Meliko, sady Josefa loha i Sebania. ¹⁵Adna ro loha i Harima, Helkay ro loha i Meraiota, ¹⁶Zakaria ro loha i Ido, Masolama ro loha i Gineto, safy ¹⁷Zikry ro loha Abia... an'i Miniamina. Piltahy ro loha i Moadia. ¹⁸Samoa ro loha Bilga, Jonatana ro loha i Semaia, ¹⁹Matenay ro loha i Joariba, Ozy ro loha Jedaia, ²⁰Kalay ro loha i Salay, Ebera ro loha i Amoka, ²¹Hasabia ro loha i Hilikia, sady Netanela ro loha i Jedaia. ²²Tamy ty andro i Eliasiba, Levita Eliasiba rey, Joiada, Johanana, sady Jadoa ro napiti, y an-tsodatsy ho lohan-dongo, sady mpisoro rey ro napitiky an-tsoratsy anany ty fanjaka i Dariosy azy Persiana iny. ²³Tariha i Levy rey, loha ty longony rey le voapitiky an-tsoratsy tamy ty boky ty tantara ao zisiky amy ty andro i Johanana anakilahy Eliasiba. ²⁴Loha Levita rey le Hasabia, Serebia, Josoa anakilahy Kadmiela, niarakany tamy ty mpiarakany-miasa amin-drozy, ze nitsanga nanatsiky androzy mba hanome fanompoa noho hanome fisaora, mifamaly ty hisam-paritsy, ho fankatoava ty lily i Davida, azy lahilahin-Janahary iny. ²⁵Matania, Bakbokia. Obadia, Mesolama, Talmona, sady Akoba ro mpiemby vavahady niemby tamy ty tsano fanajaria tam-bavahady teo. ²⁶Nanombo tamy ty andro Joiakima anakilahy Josoa anakilahy Jozadaka, sady tamy ty andro i Behemia Governora iny noho tamy Ezra mpisoro noho mpanora-dalàn-drozy. ²⁷Tamy ty fanokana ty vala Jerosalema, le nila Levita rey tamy ze iaby mipetsahan-drozy ty olo lako, handay androzy a-Jersalema any mba hankalaza ty fanokana am-pifalea, amy ty fanomezam-pisaora sady hihira amy ty kimpantso, valiha, sady amy ty lokanga. ²⁸Mpiarakany-mihira rey le niarakany-nivory isan-tokony niodidy an'i Je5noho baka amy tanà Netofatifa rey any. ²⁹Baka Beti-gilgala any avao koa ndrozy sady baka amy baibo Geba rey any sady Azmaveta, fa mpihira rey le fa namboatsy anaky-vohitsy niodidy an'i Jerosalema ho androzy. ³⁰Bakeo mpisoro noho Kevita rey le nanalio ty vatan-drozy, sady bakeo nanalio ty olo lako, vavahady rey, safy ty vala. ³¹Sady nampiakariko tanabo ty vala teny loha i Joda rey teny, sady ninondro antokom-pihira bevata roe ze nanome fisaora zaho. Ty raiky le nandeha tankavana ty vala any namonjy amy y Vavahadin-Jezika eo. ³²Hosaia noho ty ila ty mpitariky Joda nanoriky androzy, ³³sady nanoriky androzy i Azaria, Ezra, Mesolama, ³⁴Joda, Beniamina, Semaia, Jeremia, ³⁵noho ty ilany tamy anakilahy mpisoro niarakany tamy ty trompetra rey, sady Zakaria anakilahy Jonatana anakilahy Semaia anakilahy Matania anakilahy Mikaia anakilahy Zakora anakilahy Asafa. ³⁶Nisy longo i Zakaria rey avao koa, le Semaia, Azarela, Milalay, Gilalay, May, Netanela, Joda, Hanay, niarakany tamy raha-maneno i Davida rey azy lahilahin-Janahary. Ezra mpanora-dalà le talohan-drozy teo. ³⁷Tanila ty Vavahadin-Doharano ro niakatsy nahity tamy ty tahotsy tamy ty tanà Davita tao, tamy ty anaky-tahotsy mana amy ty vala anabo ty lapa Davida any, tamy ty vavahadin-Drano any antinana eo ndrozy. ³⁸Ndeha tamy ty lala-hafa ty antoko mpihira ze nanome fisaora rey. Nanarakany androzy tamy ty vala eo niarakany tamy ty ilany ty olo lako zaho, sady tanabo ty Tilikambo ty Fatapera teo, Tamy ty Vala Bevata, sady anabo ty Vavahady Efraima, sady tamy ty Vavahady Taloha, ³⁹sady tamy y Vavahady ty Hazan-drano teo sady ty Tilikam-bo i Hananela noho ty Tilikambo-Jato teo, tamy ty Vavahady ty Aondry teo, sady nijano tam-Bavagady ty Mpiemby androzy teo. ⁴⁰Ka le nangalaky ty toeran-drozy an-tsanon-Janahary rey tan-tokom-pihira roe ze nanome fisaora rey teo, sady nangalaky ty toerako niarakany tamy ty ila ty manam-pahefa niarakany tamiko avao koa zaho. ⁴¹Bakeo le nangalaky ty toerany mpisoro rey: Eliakima, Mahaseia, Miniamina, Mikaia, Elioenay, Zakaria, sady Hanania, mbamy trompetra rey, ⁴²noho Mahaseia, Semaia, Eleazara, Ozy, Johanana, Malkia, Elama, noho Ezara avao koa, sady mpihira rey nanao ze handresea androzy sady Jizrahia ro mpitariky androzy. ⁴³Namea soro bevata ndrozy tamy andro zay, sady nifaly, safe Njanahary nampifaly androzy tam-pifalea bevata. Ampela noho aja rey avao koa le nifaly. Ka le ré baka lavitsy ty fifalea i Jerosalema. ⁴⁴Tamy andro zay le nisy lahilahy nitondroe hisafo ty tsano fanajarian-drakitsy rey, veloham-bokatsy rey, sady ty ampahafolon-kanana, mba hamory ty anjara takia ty lalà ho ahy mpisoro rey noho ahy Levita rey amy rey ao. Ty kirai-draiky ro nitondroe m a hiasa baibo anila ty renivohitsy rey. Safe nifaly tamy mpisoro rey noho Levita ze nitsanga talohan-drozy rey i Joda. ⁴⁵Nanantanteraky ty asa ho ahy ty Njanaharin-drozy, noho ty asa fanaliova androzy, nanao manahaky zay koa mpihira rey noho mpiemby vavahady rey, tamy fiembena ty lily i Davida noho Solomona anakilahiny. ⁴⁶Fa taloha fa ela mare, tamy ty andro i Davida noho Asafa, le nisy mpitariky mpihira rey,

sady nisy hira fanompoa noho fanomezam-pisaora ho an-Janahary. ⁴⁷Tamy ty andro i Zerobabela noho tamy ty andro i Nehemia, le nanome ty anjara isan'andro ho ahy mpihira noho mpiemby vavahady Israely iaby rey. Natokandrozy ty anjara ze ho ahy Levita rey, sady Levita rey nanoka anjara ho ahy tariha i Arona rey.

Chapter 13

¹Tamy andro zay le nivakin-drozy tan-tsofy ty olo lako eo ty Boky Mosesy. Hita voasoratsy tamy zay ao fa tsy misy Amonita na Moabita vatany hilitany amy ty fiangonan-Janahary ao, mandrakizay. ²Zay safe tsy avy tamy ty anak'Israely eo niaraky tamy ty mofo noho rano ndrozy, fa nanakarama an'i Balama mba hanozo ty Israely ndrozy. Ndra le zay aza, navaliky Njanaharintsika ho fitahia ty ozo. ³Laha vo nahare ty lalà ndrozy, le niarahan-drozy tamy Israely ty olo hafa firenea iaby. ⁴Sady taloha zay Eliasiba mpisoro io ro voatondro ho amy tsano fanajaria ty tsano Njanaharintsika rey ao. Ie ro nana fifandrambesa tamy Tobia. ⁵Nikarakara efitsano fanajaria bevata ho an'i Tobia i Eliasiba, ze nihajarin-drozy ty fanomeza hohany, ty lintan-kazo manitsy, kojakoja rey, noho ampahafolom-bokatsy rey, divay vaovao, sady ty solo-bonio, ze voatoka ho ahy Levita, mpihira rey, ty mpiemby vavahady, sady anjara ho ahy mpisoro taloha tany rey. ⁶Kanefa tamy fotoa iaby zay le tsy ta Jerosalema ao zaho. Fa nadeha tamy ty mpanjaka any zaho tamy ty faha telopolo roamby tao nanjaka Artaksersesy mpanjaka Babylony. Fotoa tsy ampy tafara ze nangataha alala hiala ty mpanjaka zaho, ⁷ka le nimpoly ta Jerosalema any. Haiko moa ty raty ze fa nanovy Eliasiba tamy ty nanomezany an'i Tobia efitsano fanajaria bevata ta an-kianja ty tsanon-Janahary ao. ⁸Meloky maré zaho ka le naboakiko tambaliky ty efitsano fanajaria eo iaby enta ty longo i Tobia rey iaby. ⁹Nibeko ty hanaliovan-drozy efitsano fanajaria rey zaho, sady nampoliko tamy reny eo enta ty tsanon-Janahary rey, fanomeza hohany rey, sady ty lintan-kazo manitsy. ¹⁰Haiko fa mbo tsy namea androzy ty anjara Levita rey, ka le nilay ndrozy, samby nana amy ty taniny any iaby, Levita rey noho mpihira ze nanao ty asa rey. ¹¹Ka le nifanatsiky tamy manam-boninahitsy rey zaho ka le nanao hozao: "Nanino ro tsy nisiasa dikany ty tsanon-Janahary?" Navory niaraky sady napetsako tamy ty toerany rey. ¹²Bakeo le nanday ty ampahafolom-bokatsy, ty divay vaovao, sady ty solo-bonio ho ahy ty efitsano fanajaria ty Joda iaby. ¹³Nanondro an'i Selemia mpisoro noho Zadoka mpanora-dalà, sady tamy Levita rey, Pedaia, ho mpitanjaky-jala ty tsano fanajarian-Janahary zaho. Tanilan-drozy eo i Hanana anakilahy Zakora anakilahy Matania, fa ndrozy ro voqlaza ho maeva-atokisa. Ty adidin-drozy ro ty mizara vatsy rey ho ahy mpiara-miasa amin-drozy rey. ¹⁴Tiarovo zaho, sady mba ka fafà asa soa ze fa nanoviko rey ho ahy ty tsanon-Janahary noho fanompoa rey zay. ¹⁵Sady tamy andro zay le nahita olo lako rey tao Joda nanosihosy famiazam-boloboky tamy Sabata sady nanday salohim-bary ka le nampanday reny tamy ty borikiny, sady koa divay, voloboky, aviavy, sady karazan-draha mavesatsy rey iaby, ze nandesin-drozy ta Jerosalema ao tamy ty andro Sabata zaho. Nanohitsy maré ty namarotan-drozy hany tamy andro zay zaho. ¹⁶Lahilahy baka Tyro nipetsaky ta Jerosalema rey ao any le nanday fia noho entam-barotsy samby hafa, sady nivarotan-drozy tamy ty andro Sabata rey tamy ty olo lako Joda noho tamy ty tanà rey tao! ¹⁷Sady nifanatsiky tamy mpitariky Joda rey zaho hozao: "Ino raha-raty anovinareo zao, mandoto ty andro Sabata zao?" ¹⁸Moa nanao zao va razanareo rey? Moa tsy Njanahary va ro nanday raty iaby zao tamintsika noho tamy tanà toy? Amy zao nareo le manday heloky bevata mare amy Israely tamy ty fandotoa ty Sabata." ¹⁹Laha vatany vo maiky tamy ty vavahady Jerosalema taloha ty Sabata teo, le nibeko ty hihilia varavara rey noho ty tsy tokony hivohà reny sasy zisiky afara ty Sabata zaho. Nampipetsaky ty ilany tamy mpiasako rey tamy vavahady rey zaho mba tsy hisia ty enta ho afaky andesy militsy amy ty andro Sabata. ²⁰Nipetsaky tambaliky Jerosalema any indraiky ndra indroe mpandrato rey noho mpamarotsy karazan'enta iaby. ²¹Nefa zaho nampiemby androzy hozao: "Nanino nareo ro mipetsaky ambaliky ty vala? Laha mbo mampimpoly zay nareo, le hikasina-tana anareo zaho!" Nanomboky tamy fomba zay le tsy avy tamy ty andro Sabata sasy ndrozy. ²²Bakeo nibeko Levita rey zaho mba hanalino ty vatan-drozy, sady ho avy hiemby vavahady rey, mba hanamasy ty andro Sabata. Tiarovo avao koa zaho amy zay, Njanahariko, sady mamalo-fo amiko noho ty tsy fivaliham-panenkea anananao amiko. ²³Tamy andro zay le nahita Jiosy ze nanambaly rey ampela Asdoda, Amona, sady Moaba avao koa zaho. ²⁴Nivola tamy ty fivolana Asdoda ty antsasaky ty tarihan-drozy. Tsy nisy tamindrozy nahay nivola ty fivolana ty Joda, fa ty fivolana ty raiky amy olo hafa raiky rey avao. ²⁵Nifanatsiky tamin-drozy zaho, ka le nanozo androzy, sady namango ty ilany tamin-drozy noho nandrorotsy ty volon-drozy. Nampitahy androzy tamin-Janahary zaho, nanao hozao: "Nareo le tsy tokony hanome ty anak'ampelanareo ho ahy anakilahy ndrozy reny, na hangalaky ty anak'ampelan-drozy reny ho ahy ty anakilahinareo, na ho ahy nareo." ²⁶Moa tsy nanota tamy ampela rey va i Solomona mpanjaka manahaky azy tamy firenea lako rey, ka le tea ty Njanahary ie, sady Njanahary nanao azy ho mpanjaka nameno ty Israely iaby. Ndra le zay aza, nampanonta valiny hafa firenea rey ie. ²⁷Moa va tokony hijanjy anao zahay ka le hanao raty bevata zay, ka le mivaliky amy Njanaharintsika amy ty fangala ampela hafa firenea ho valy?" ²⁸Raiky amy anakilahy Joiada anakilahy Eliasiba mpisoro bevata rey le vinanto lahy Sanbala Horonita. Laha zay le nampilaisiko tamy ty fanojehako ie. ²⁹Tiarovo ie reny, Njanahariko, safe ty nandoto ty fisorona, noho ty fanenke ty fisorona sady Levita rey. ³⁰Manahaky zay ro nandiovako azy rey tamy ty raha-iaby hafa firenea, ka le nametsaky adidy mpisoro rey

noho Kevita rey, ty kirai-draiky ho samby amy ty asany iaby.³¹Namatsy tamy ty fotoa voatondro ty fanomeza kata noho veloham-bokatsy rey zaho. Tiarovo amy ty soa zaho, Njanahariko.

Esther

Chapter 1

¹Tamy ty andro i Ahasoerosy (Ahasoerosy ro nanjaka zisiky India any ka le zisiky Etiopia, nanaraky ty faritany 127), ²tamy andro zay ro nipetsaky tamy ty seza fipetrahany eo tamy ty fiarova mahery ty Sasana eo i Ahasoerosy mpanjaka.³Tamy ty tao fahatelo nanjakany, le nanao fanasa ho ahy manam-pahefa rey noho mpiasany iaby rey ie. Ty tafiky i Persia noho Media, lahilahy manan-kaja rey, noho governora faritany rey le tamy ty fanatrehany eo. ⁴Nampibari-bary ty hanana ty famirapiratsy ty fanjakany noho ty haja ty voninahitsy ty habeny anay ty andro lako, anay ty 180 andro ie.⁵Sady lafa tampitsy andro rey, le nanao fifalefalea anay ty fito andro ty mpanjaka. Nanovy ho ahy ty olo iaby tamy ty fiarova mahery i Sosana eo zay, zisiky amy ty bey bibiky ka le an-kianja ty zariday ty lapa ty mpanjaka zay. ⁶Ty kianja ty zariday le voalamy tamy ty siky vita amy ty lampihazo foty noho voloparasy, tamy ty folin-drongony foty maliniky sady voloparasy, nihanto tamy ty mason-drojo volafoty zisisky amy ty andry ty marbra eny. Nisy kitsely volamena noho volafoty tamy ty filahara ty lampivato porfira eo, marbra, hara, noho rarivato miloko.⁷Naroso tamy ty kapoaky volamena ty raha-inomy. Ty kapoaky kirai-draiky ro tsy manam-paharoe sady lako vatany ty divaim-panjaka noho ty fahaizan-tana ty mpanjaka.⁸Ty raha-inomy ro nandesy niboaky ho fiembena ty lily hozo: "Tsy misy fanereterea." Nanome beko ty mpiasa iaby tan-dapany ty mpanajaka ao mba hanao ze iaby iry ty vahiny kirai-draiky.⁹Ka le nanao fanasa ho ahy ty ampela avao koa i Vasty mpanjaka ampela tamy ty lapa i Ahasoerosy mpanjaka ao. ¹⁰Tamy ty andro fahafito, laha nahatiaro faly ty fo ty mpanjaka noho ty divay, le nivola tamy i Mehomana, Bizta, Harbona, Bigta, Abagta, Zetara, sady Kaekasa (manam-boninahitsy fito nanompo talohany eo) ie, ¹¹mba handay ty mpanajaka ampela Vasty ho alohany eo miaraky amy ty satso-boninahitsy. Tiany haseho amy ty olo lako noho manam-boninahitsy ty hasoany rey, safe manitsy maré ty endrikiny.¹²Fa nandà ty handeha manahaky ty safa ty mpanajaka ze nandesy manam-boninahitsy try taminy eo i Vasty mpanajaka ampela. Bakeo le meloky maré ty mpanjaka; nirehitsy tanainy ao ty helokiny.¹³Laha zay ty mpanjaka ro nifandiniky tamy lahilahy rey ze hay fa hendry, ze mahay ty andro (fa zay ro fanovy ty mpanajaka aloha an'i iaby manam-pahaiza manoka amy ty lalà noho ty fitsarà). ¹⁴Sady ty mariny azy bibiky le i Rarsena, Setara, Admata, Tarsisy, Maresa, Marsena, sady Memokana, andria fito i Persia noho Media rey. Afaky nifanerasera tamy ty mpanjaka ndrozy, sady nità ty toera anabo tamy ty fanjaka ao. ¹⁵"Araky ty fanarahan-dalà, ino ro tokony hanovy amy i Vasty mpanajaka ampela noho ty tsy fankatoavany ty beko i Ahasoerosy mpanajaka, ze nandesy manam-boninahitsy rey aminy teo?"¹⁶16 Hoasa Memokana tanila ty mpanjaka noho manam-boninahitsy eo hozo: "Tsy tamy ty mpanjaka avao i Vasty mpanajaka ampela ro nanao hadisoa, fa tamy manam-bonihatsy rey noho olo lako ze mameno ty faritany i Ahasoerosy mpanajaka avao koa. ¹⁷Fa ty raha nanovy ty mpanajaka ampela ro ho hay ampela iaby rey. Hahavy androzy hamingavinga ty valin-drozy zay. Hivola androzy hozo: 'Nanome lily i Ahaseorosy mpanjaka mba ho andesy alohany eo i Vasty mpanajaka ampela, fa nandà ie. ¹⁸Aialoha ty hiafara andro toy avao ty andriam-bavy i Media ze naneho ty raha nanovy ty mpanjaka ampela ro hivola manahaky zay amy manam-boninahitsy ty mpanajaka rey koa. Le hisy famingavinga noho heloky bey.¹⁹Laha ankasitraha ty mpanjaka zay, le engao hoso lilim-panjaka hiboaky baka aminy any, sady engao ho voasoratsy amy ty lalà i Persianina ao ty Medianina, ze tsy azo foanana, fa Vasty ro tsy mahazo mana alohany eo sasy. Engao hamea ty mpanjaka ho ahy ty ampela ze soa noho ie ty toera maha-mpanajaka azy. ²⁰Lafa voatery mameno ty fanjaka malalaky lily ty mpanjaka zay, le hanaja ty valiny iaby ty ampela iaby, manomboky amy ty bevata bibiky ka le zisiky amy ty maliniky bibiky."²¹Le sitsaky ty mpanjaka noho ty mpanjakany toro-hevitsy zay, sady nanao manahaky ze nanomeza i Memokana hevitsy azy mpanjaka. ²²Nandefa taratasy ho amy ty faritanim-panjaka iaby any ie, ho ahy faritany iaby rey manahaky sorany iaby, sady ho ahy ty firenea kirai-draiky manahaky ty fivolany iaby. Nanao lily ie fa ty lahilahy iaby le ho to-resaky amy ty tokatsanony eo. Namea manahaky ty fivolana olo lako kirai-draiky rey tamy ty fanjakany ao lily zay.

Chapter 2

¹Tafara raha rey, lafa nieny ty heloky i Ahasoerosy mpanjaka, le nieritseritsy an'i Vasty noho ze fa nanoviny ie. Nieritseretiny koa ty lily ze nandesy nitsarà azy. ²Le hoasa pamaraky mpanjaka rey ze nanompo azy hozao: "Enganie hisy filà somondrara soa tarehy mbo kelikely ho ahy ty mpanjaka. ³Engao ty mpanjaka hanondro manampahefa amy ty faritany iaby amy ty fanjakany, mba hamory pamaraky soa tarehy aja ampela tsy mahasaky lahy iaby rey ho an-tsanon'ampela any amy ty fiarova mahery any a-Sosana any. Engaho ndrozy hapetsaky ambany fahefa i Hegay ao, tsindranolahy ty mpanjaka, ze miandraikitsy ty ampela, sady engao ie hanome androzy fikoloa ty endrikin-drozy. ⁴Engao ty somondrara ze mahafaly ty mpanjaka ho avy mpanjaka amy ty toera Vasty eo." Le nahafaly ty mpanjaka toro-hevitsy zay, ka le nitanterahiny manahaky zay. ⁵Sady nisy Jiosy raiky tamy ty fiarova mahery i Sasona ao ze nikaihe hozao Mordekay anakilahy i Jaira anakilahy i Simey anakilahy i Kisy, ze tariha i Benjamina. ⁶Nandesiny baka Jerosalema any niaraky tamy sesin-tany rey mbamy ze nalay niaraky tamy i Jekonia rey, mpanjaka i Joda, ze nigadra i Nebokadnezzara mpanjaka i Babylona ie. ⁷Ie ro niteza an'i Hadasa, ze anovy hozao, Estera, anak'ampela ty renilahy, safe tsy nana ndra baba ndra neny ie. Soa tarehy azy somondrara raha manam-bika maha-tea tea. Le nirambesy i Mordekay manahaky ty anak'ampela ie. ⁸Lafa nanambara ty beko noho lily ty mpanjaka, le somondrara lako ro nandesiy tamy ty fiarova mahery i Sosana any. Napetsaky tambany fiahia i Hegay eo ndrozy. Le nandesy tan-dapa ty mpanjaka ao koa i Estera sady napetsaky tambany fiahia i Hegay ao, mpitariky ty ampela iny. ⁹Le nahafaly azy pamaraky iny, ka le nahita sitsaky taminy ie. Tonga de nameany fanamboara endriky noho ty anjara haniny ie. Le nanondry mpiasa ampela fito baka an-dapa ty mpanjaka ao ho azy ie, ka le nafalony tamy ty toera soa bibiky ao tan-tsano ampela rey ao ie mbamy mpiasa ampela rey. ¹⁰Tsy nivolany i Estera tamin'ia ia ze fireneny na longony rey, safe fa nanary i Mordekay ie mba tsy hivola. ¹¹Isan'andro le miriorio aloha ty kianja ambaliky ty tsano ampela rey eo i Mordekay, mba hahazany ty momba i Estera, noho momba ze hanovy aminy. ¹²Lafa avy ty anjara ty somondrara kirai-draiky mba ho amy i Ahasoerosy mpanjaka ao--manahaky ty lily noho ty fitsipiky ho ahy ampela rey, le tsy maintsy manatsiky hikarakara hasoam-bata anay ty folo roamby vola ty somondrara kirai-draiky, enim-bola miaraky amy ty menaky miora, sady enim-bola koa miaraky amy raha-manitsy noho fikoloa endriky-- ¹³lafa nandeha nana amy ty mpanjaka ty somondrara raiky any, le nanome azy ze iaby anilany tan-tsano ampela rey ao, mba ho azy handesy an-dapa ao. ¹⁴Ty hariva le hilitry anainy ao ie, sady ty maray koa ro himpolia an-tsano faharoe ampela rey ao ie, sady an-tsano fiarova i Sasagaza any, tsindranola ty mpanjaka, ze niandraikitsy valy masay rey. Le tsy himpoly amy ty mpanjaka any sasy ie laha tsy fa nahazo fifaleam-bey tamin'ampela, ka le nikaiky azy ndraiky. ¹⁵Lafa avy ty fotoa i Estera (anak'ampela i Abihaila, rahalahy-baba i Mordekay, ze fa nandramby azy manahaky ty anak'ampela) hiliarany tamy ty mpanjaka ao, le tsy nangataky ndra ino ndra ino ie, ankoatsy ze namea i Hegay faran'anaky ty mpanjaka, ze nandraikitsy ampela rey, avao. Sady nahazo fanafaha tamy ze iaby nahita azy i Estera. ¹⁶Le nandesiny tamy i Ahasoerosy mpanjaka any ho amy ty toeram-pipetsaha ty mpanjaka ao tamy ty vola faha folo i Estera, ze vola i Tabeta, tamy ty fahafito tao nanjakany. ¹⁷Le tea ty mpanjaka mandilatsy noho ampela iaby rey i Estera sady nahazo fanekea noho fankasitraha tanilany eo ie, mandilatsy noho aja ampela tsy mahasaky lahy iaby. Laha zay le nisatsofany satso-boninahitsy tamy ty lohany eo sady nanoviny mpanjak'ampela ho solo i Vasty ie. ¹⁸Le nanome fanasa bevata ho ahy manam-pahefa iaby rey noho mpiasany iaby rey ty mpanjaka, "fanasa i Estera," sady nameany fahefa tamy ty fandoava-haba faritany rey. Le nanome fanomeza tamy ty fahaizan-tana ty mpanjaka koa ie. ¹⁹Sady lafa tafavory fanindrony aja ampela tsy mahasaky lahy rey, le nipetsaky tam-bavahady ty mpanjaka eo i Mordekay. ²⁰Mbo tsy nivola tamin'ia ia mikasiky longony rey na ty fireneny i Estera, manahaky ze nananara i Mordekay azy. Le nanaraky zisiky any ty toro-hevitsy i Mordekay ie, manahaky ze fa nanoviny tamy mbo ie nitezany. ²¹Tamy andro zay, laha nipetsaky tam-bavahady ty mpanjaka eo i Mordekay, le laginy noho nila hanisy raty an'i Ahasoerosy mpanjaka, ty roe tamy tsindranolahy, rey le Bigtana noho Taresy, ze niemby ty vavahady. ²²Lafa hay i Mordekay ty raha-misy, le nitantarany tamy i Estera mpanjak'ampela, sady Estera koa niresaky tamy ty mpanjaka tamy ty anara i Mordekay. ²³Voafanontania sady voamarina ty tatitsy, ka le nahanto tamy ty hazo fanantona ndrozy mirahalaky. Nisorata tanay ty Boky ty Tantara ao tanila ty mpanjaka eo tantara zay.

Chapter 3

¹Tafara raha rey, le nasondrotsy Ahasoerrosy mpanjaka i Hamana anakilahy i Hamedota Agagita ao, sady napetsaky anabo manam-pahefa iaby ze niaraky taminy rey ty toeram-pahefany. ²Mpiasa ty mpanjaka iaby ze tam-bavahady ty mpanjaka rey le nandohaliky noho niondriky tamy i Hamana, manahaky ze nibekoa ty mpanjaka hanovin-drozy. Fe tsy nandohaliky na niondriky taminy i Mordekay. ³Le hoasa mpiasa ty mpanjaka ze tam-bavahady ty mpanjaka eo tamy i Mordekay hozao: "Nanino iha ro tsy mankato ty lily ty mpanjaka?"

⁴Niresaky taminy isan'andro ndrozy, fe nandà ty hanantanterahà ty fangatahan-drozy ie. Ka le niresaky tamy i Hamana ndrozy mba hanenty laha nijano manahaky zay raha mikasiky i Mordekay iny, fa ie ro fa nivola tamin-drozy fa Jiosy ie. ⁵Lafa hita i Hamana fa tsy nandohaliky noho niondriky taminy i Mordekay, le atsiky heloky ie. ⁶Nandà ty hevitsy hamono an'i Mordekay raiky avao ie, fa mpiasa ty mpanjaka rey nivola taminy hozao ia moa ty olo lako i Mordekay. Naniry ty handrava ty Jiosy iaby i Hamana, ty olo lako i Mordekay, ze tamy ty fanjaka i Ahasoerosy iaby ao. ⁷Tamy ty vola velohany (ze vola i Nisana), tamy ty faha-folo roamby tao nanjakà i Ahasoerosy, le ty Pora ---zay ro loka---natoraky taloha i Hamana eo, mba fitingina andro noho vola. Le natoran-drozy mbeny mbeny ty loka zisiky-hilatsaha zay tamy ty vola faha folo roamby eo (ze vola ty Adara). ⁸Le hoasa Hamana tamy i Ahasoerosy Mpanjaka hozao: "Misy olo lako ilany miely noho miparitaky mameno ty faritany ty fanjakanao iaby. Ty lalàn-drozy ro hafa noho ty ahy ty olo lako ilany, safy ndrozy le tsy mba miemby ty lalà ty mpanjaka, ka le tsy mahasoa ty mpanjaka ty fanenga androzy hijano. ⁹Fa lafa sitsaky ty mpanjaka, le manomeza beko mba hamonoa androzy, sady handoa talenta volafoty raialy an-tana ty mpanao raharaha ty mpanjaka eo zaho, mba ho andeso amy ty rakitsy ao ty mpanjaka. ¹⁰Le nandramby peratsy tampô tamy ty tanany ty mpanjaka sady nameany an'i Hamana anakilahy i Hamedata Agatita, fahavalo Jiosy rey. ¹¹Hoasa ty mpanjaka tamy i Hamana hozao: "Hitako fa nampoly taminareo noho ty olo lakonareo ty jala. Hanovinareo amy ze iaby herinareo zay." ¹²Le voakaiky tamy ty andro faha folo telo-amby tamy ty vola velohany mpanora-dalà ty mpanjaka, sady ty lalà iaby ze nibekoa i Hamana le nisorata ho an'i governoram-paritany ty mpanjaka, ze tamy ty faritany iaby eo, ho an'i governor ty olo sambihafa iaby, sady ho ahy ty manam-pahefa ty olo lako iaby, isaky ty faritany ty sora-tanan-drozy, sady ho ahy ty olo lako iaby isaky ty fivolanany iaby. Le nisorata tamy ty anara i Ahasoerosy mpanjaka zay sady vita tampô tamy ty peratsiny. ¹³Nanomem-batana tamy ty ala iraky tamy ty faritany rey ty mpanjaka iaby antonta-taratasy, mba handrava, hamonoa, sady hamoteha ty Jiosy iaby, manomboky amy ty tanora ka le zisiky amy ty antitsy, sady ty aja noho ty ampela, anay ty andro raiky---amy ty andro faha folo telo amby vola faha folo roamby (ze vola iAdara) ---sady mba handrobaky ty hananan-drozy. ¹⁴Nanovy lalà tsika ty faritany ty dika amy taratasy iny. Le nampahaiza ty olo lako iaby tsika ty faritany iaby fa tokony hiomanan-drozy ho amy andro zay. ¹⁵Le niboaky iraky rey sady nizara malaky ty lily ty mpanjaka. Fa voazara tamy ty fiarova mahery ao ty Sosana avao koa ty lalà. Nipetsaky mba hino i Hamana noho ty mpanjaka, fe tanay koronta ao ty tanà ty Sosana.

Chapter 4

¹Lafa hay i Mordekay ze fa vita iaby, le nitsiatiny ty akanjony ka le nisiky siky fisaona sady nihosotsy lavenoky ie. Nandeha nihoaky tanivo ty tanà eo ie, sady nihoakoaky noho nidradradradra maré. ²Avy lavitsy tamy ty vavahady ty mpanjaka eo avao ie, safe tsy nisy olo nahazo alala handeha amy zay eo miaraky amy ty akanjo fisaona. ³Sady tamy ty faritsy iaby any, ndra taia ndra taia avy ty beko noho lalà ty mpanjaka, le nisy fisaona bevata tamy Jiosy rey eo, niaraky tamy ty fifalian-kany, fitania, sady fitoreva. Lako amin-drozy ro niroro tamy ty siky fisaona eo noho lavenoky. ⁴Lafa avy ty ajam-pela i Estera noho mpiasany rey sady nivola taminy, le nalahelo maré mpanjaka ampela iny. Nandefa fisikina hampisikiny an'i Mordekay ie (mba hafahany mangalaky ty akanjo fisaonany), fe tsy hanenky androzy. ⁵Bakeo Estera nikaiky an'i Hatàka, raiky amy faran'akaky mpanjaka rey ze nitondroa hanompo azy. Nibeko azy mba handeha amy Mordekay any ie mba hahazany ze niseho noho ze antony zay. ⁶Laha zay le nana amy i Mordekay any amy ty tanà eo any ⁷aloha ty vavahady ty mpanjaka i Hakàta. Nivolany i Mordekay taminy ze iaby niseho taminy, noho ty fiharoa ty volafoty ze nampanantena i Hamana haloa noho hapetsaky amy ty tsano fanajaria ty mpanjaka ao mba hamonoa Jiosy rey. ⁸Nameany azy koa ty dika mitovy tamy ty lalà ze nihoaky ta Sosana any ty amy ty fanatoroa ty Jiosy. Nanovy zay mba afaha i Hatàka mampiseho zay amy i Estera, noho mba hanomezany azy ty andraikitsy amy ty fandehana amy ty mpanjaka any mba hangataky ty fankasitsahany, sady hangataky aminy amy ty anara ty olo lakony. ⁹Ka le nandeha i Hatàka sady nivola tamy i Estera ze nivolany i Mordekay. ¹⁰Bakeo Estera niresaky tamy i Hatàka sady nivola taminy mba himpoly amy i Mordekay any. ¹¹Hoy ie hozao: "Hay mpiasa ty mpanjaka iaby rey noho ty olo lako mpanjaka rey amy ty faritsy any fa laha misy lahilahy na ampela mana amy ty mpanjaka any anay ty kianja ao nefa tsy nampikaih, le misy lalà raiky avao: le ty hamonoa azy ho maty---ankoatsy ze tondroa ty mpanjaka amy tehimbolamena iny mba hafahany ho velo. Tsy nikaihy hana amy ty mpanjaka any zaho ze telopolo andro ze." ¹²Laha zay le nitatery Hatàka tamy i Mordekay rey safa i Estera. ¹³Nandefa hafatsy zao Mordekay hozao: "Tsy tokony hieritseritsy iha fa amy ty lapa ty mpanjaka ao, ro afahanao mandilatsy noho Jiosy hafa iaby rey. ¹⁴Laha tsy mivola iha amy fotoa zao, le hisy fanafaha noho famonjea hiboaky amy Jiosy rey amy ty toera hafa any, fa iha noho ty tsano ty babanao koa ho rava. Ia ro mahay laha ho amy ty fotoa manahaky zao ro niavianao ho amy ty toera maha-mpanjaka?" ¹⁵Bakeo Estera nandefa hafatsy zao tamy i Mordekay hozao: ¹⁶"Mandehana, avorio hiaraky ty Jiosy iaby ze mipetsaky Sosana any, sady mifalea hany ho ahy. Mba ka mino na mihina anay ty telo andro, haly noho atoandro. Zaho noho ajam-pelako rey avao koa ro hifaly manahaky zay. Bakeo zaho handeha amy ty mpanjaka any, sady laha maty zaho, le maty." ¹⁷Lasa Mordekay sady nanao ze iaby nivolany i Estera azy mba hanovy.

Chapter 5

¹Afaky telo andro, nanova i Estera ty akanjo fisikinany sady nandeha nitsanga tanay ty kianja ty lapa ty mpanjaka ao, taloha ty tsano ty mpanjaka eo ie. Ty mpanjaka nipetsaky tamy ty seza fipetrahany eo tamy ty tsano ty mpanjaka ao, mifanatsiky amy ty filira ty tsano. ²Lafa nahita an'i Estera mpanjaka nitsanga tan-kianja eo ty mpanjaka, le nahazo fankatoava tamasony eo ie. Nitondroany tamy ty tehim-bolamena tan-tanany eny ie. Ka le namonjy i Estera ka le nitondro ty tsifa ty tehim-mpanjaka. ³Bakeo nivola taminy ty Mpanjaka hozao: "Ino ro ilanao, Estera mpanjaka? Ino ro fangatahana? Ndra le mandilatsy ty antsasaky ty fanjakako aza, le hamea anao zay." ⁴Hoasa Estera hozao: "Laha sitsaky ty mpanjaka zay, le engaho ty mpanjaka noho Hamana ho avy amy ty fanasa ze nihomaniko ho azy androany." ⁵Le nivola ty mpanjaka hozao: " Andeso malaky Hamana, mba hanao ze nivolany i Estera." Ka le nana amy ty fanasa ze nihomany i Estera any ty mpanjaka noho Hamana. ⁶Lafa naroso tamy ty fanasa ty divay ao, le nivola tamy Estera ty mpanjaka hozao: "Ino ro ilanao? Fa hamea anao zay. Ino ro fangatahanao? Fa ndra le mandilatsy ty antsasa ty fanjakako aza, le hamea zay." ⁷Namaly Estera hozao: "Zao ro ilako noho angatahako, ⁸ laha mahita sitsaky amaso ty mpanjaka eo zaho sady laha sitsaky ty mpanjaka ty hanome ze ilako sady hanaja ty fangatahako, le engao ty mpanjaka noho Hamana ho avy amy ty fanasa ze homaniko ho ahy nareo hamaray sady hamaly ty fanontanea ty mpanjaka zaho." ⁹Niboaky tamy andro zay tamy ty fo faly noho ravo i Hamana. Fa lafa hita i Hamana tamy ty vavahady ty mpanjaka eo i Mordekay, sady tsy nitsanga na nangitikitiky tamy tahotsy talohany eo i Mordekay, le atsiky heloky tamy i Mordekay ie. ¹⁰Ndra zay aza, le nifehy ty vatany i Hamana ka le nandeha tan-tsanony any. Nampaniraky namany rey ie sady nampivory androzy, niaraky tamy i Zaresa valiny. ¹¹Nampoly i Hamana nisahy tamin-drozy ty famirapiratsy hananany rey, ty hisa anakilahiny lako rey, ty fampisondrota iaby ze nanomeza ty mpanjaka voninahitsy azy, sady ty fomba nandrosoany tamy manam-boninahitsy rey teo noho mpiasa ty mpanjaka iaby rey. ¹²Hoasa Hamana hozao: "Estera mpanjaka ro tsy nanasa olo lafa-tsy zaho ho avy miaraky amy mpanjaka rey amy ty fanasa nihomaniny. Ndra le hamaray koa aza ro nanoviny hiaraky amy mpanjaka rey ndraiky zaho. ¹³Nefa iaby zay le tsy maeva ndra ino ndra ino ho ahy laha mbo mahita an'i Mordekay azy Jiosy mipetsaky am-bavahady ty mpanjaka eo iny zaho." ¹⁴Le nivola tamy i Hamana noho namany iaby rey Zaresa valiny hozao: "Engaho ndrozy hanao hazo fihantona dimampolo hakiho ty hahabony. Amy ty maray le miresaha amy ty mpanjaka mba hanantonan-drozy an'i Mordekay amy zay eo. Sady le mandeha am-pifalea miaraky amy ty mpanjaka amy ty fanasa any." Sitsaky-Hamana zay sady nanamboatsy hazo fanantona rey ie.

Chapter 6

¹Tsy nahita roro ty mpanjaka tamy ty haly iny. Nibeko ty mpiasa mba handay ty boky fanajaria tantara tamy ty fotoa nandaisany, sady nivaky maré tamy ty mpanjaka zay. ²Voasoratsy tao fa niresaky ty momba i Bigtana noho Taresy i Mordekay, roe tamy manam-boninahitsy rey ty mpanjaka ze nandiny ty varavara filira, ze nandiniky ty hanao raty ty mpanjaka Ahasoerosy. ³Le nanontany ty mpanjaka hozao: "Ino moa ro fa mba nanovy mba nanomeza voninahitsy na nankatoava an'i Mordekay tamy ty nananovany zay?" Sady tovolahy ty mpanjaka ze nanompo azy rey nivola hozao: "Tsy nisy nanovy taminy." ⁴Hoasa ty mpanjaka hozao: "Ia ro amin-kianja ao? Sendra avy tan-kianja ambaliky ty tsano ty mpanjaka eo i Hamana mba hivola aminy ty amy ty hanantonany an'i Mordekay amy ty hazo fanantona ze fa natsangany ho azy. ⁵Nivola taminy mpiasa ty mpanjaka rey hozao: "Hamana ro mitsanga amin-kianja eo." Le hoasa ty mpanjaka hoe: "Engao ie hilitsy." ⁶Lafa nilitsy Hamana le hoasa ty mpanjaka taminy hoe: "Ino ro tokony hanovy amy ty lahilahy ze tea ty mpanjaka hameam-boninahitsy?" Le hoasa Hamana nivola tam-po hozao: "Ia moa ro hamea ty mpanjaka voninahitsy ankoatsy ahy?" ⁷Hoasa Hamana tamy ty mpanjaka hozao: "Ho ahy ty lahilahy ze tea ty mpanjaka ameam-boninahitsy, ⁸engaho handesy ty akanjo lava fisikina, akanjo ze fa fananova ty mpanjaka, sady ty sovaly ze fa niondrana ty mpanjaka, sady amy ty lohany eo ty satro-boninahitsy. ⁹Sady engaho ty akanjo noho ty sovaly hamea ty raiky amy manam-boninahitsy maeva hajà bibiky rey. Enganie ndrozy mampisiky ty lahilahy tea ty mpanjaka hameam-boninahitsy, sady enganie ndrozy hitariky azy hitety ty tanà amy sovaly iny. Ka le enganie ndrozy hanambara hoe: 'zao ro anovy tamy azy tea ty mpanjaka hameam-boninahitsy iny!' ¹⁰Sady hoasa ty mpanjaka tamy i Hamana hozao: "Malaky, alao ty akanjo noho ty sovaly, manahaky ze fa nivolaninao, sady anovo ho an'i Mordekay azy Jiosy ze mipetsaky am-bavahady ty mpanjaka eo iny zay. Mba ka misy alatsaky ze nivolaninao rey." ¹¹Sady Hamana mangalaky akanjo noho sovaly iny. Le nampisikininy i Mordekay sady nandesiny ty lala ty tanà iaby tamy sovaly iny ie. Nanambara talohany eo ie hozao: "Zao ro nanovy tamy ty lahilahy ze tea ty mpanjaka hameam-boninahitsy!" ¹²Nimpoly tam-bavahady ty mpanjaka i Mordekay eo, fa Hamana koa nampalaky ty sovaliny ho antsanony any, nalahelo, nisaron-doha. ¹³Nitantatarà i Hamana tamy Zaresy valiny noho namany iaby rey ty raha-iaby nahazo azy. Sady ty olo-hendry iaby noho Zaresy valiny nivola taminy hozao: "Laha Mordekay, ze nanomboky nandavo anao tanilany eo, le Jiosy, ro tsy hahatsatsy azy mihintsy iha, fa le ho lavo anilany eo vatany iha." ¹⁴Laha mbo niresaky taminy ndrozy, le avy manam-boninahitsy ty mpanajaka rey. Le nanday malaky an'i Hamana tamy ty fanasa ze fa namean'i Estera androzy.

Chapter 7

¹Ka le nandeha nanao fifalefalea niaraky tamy i Estera Mpanjaka ty mpanjaka noho Hamana. ²Tamy andro faharoa io, laha nandroso divay iny ndrozy, le hoasa ty mpanjaka tamy i Estera hosao: "Ino ro faniriana, Estera Mpanjaka? Ho tanterahina aminao zay. Ino ro fangatahanao? Zisiky amy ty antsasaky ty fanjakana, le ho tanterahy zay."³Le namaly Estera Mpanjaka hozao: "Laha nahita fitea tamasonao eo zaho, Mpanjaka, sady laha ankasitsahinao, le enganie hameanao ahy ty aiko—zay ro faniriako, sady mangataky zay ho ahy ty olo lakoko avao koa zaho. ⁴Fa namvily zahay, zaho noho ty olo lakoko, mba ho toroe, ho vonoe, sady ho rava. Laha namily ho amy ty fanandevoza avao aza zahay, mba ho andevo lahy noho ampela, le ho tsy mivola zaho, safe tsy ho nisy fijalea manahaky zao afaky hanamary ty fanasakatsakana ty mpanjaka. " ⁵Le hoasa i Ahasoerosy Mpanjaka tamy i Estera mpanjaka'ampela hozao: "Ia zay? Aia ro hahità olo nanesintsesiky ty fony hanao raha manahaky zay?"⁶Hoasa Estera hozao: "Rafilahy iny, fahavalo zay, le Hamana raty iny, le Hamana raty iny!" Le nangorohoro tanila ty mpanjaka lahilahy noho mpanjaka ampela eo i Hamana. ⁷Nitsanga tamin-keloky baka amy ty finoman-divay eo tamy ty fanasa ty mpanjaka ao ka le nandeha tamy ty zariday ty lapa ao, fe nijano mba hangataky ty amy ty ainy tamy i Estera Mpanjaka i Hamana. Jilony fa nisy loza tapaky ty mpanjaka ho azy.⁸Le nimpoly baka an-jariday ty lapa any ty mpanjaka ka le nilitsy tamy ty efitsano ze nandrosoa ty divay ao. Teo ro nilavao tamy ty seza lava nisy an'i Estera i Hamana ao. Hoasa ty mpanjaka hozao: "Hamango ty mpanjaka ampela anilako eo amy ty tsanoko ato mihintsy va ie?" Laha vo niboaky talim-baravara ty mpanjaka ao heloky zay, le nisorona mpiasa rey ty tarehy i Hamana.⁹Bakeo le nivola Harbona, raiky tamy tandapa nanompo ty mpanjaka rey hozao: "Misy hazo fanantona dimampolo hakiho mitsanga anila ty tsano i Hamana eo. Natsangany ho ahy Mordekay io, sady raiky ze nivola maré mba hiaro ty mpanjaka." Le hoasa ty mpanjaka hozao: "Ahantony amy zay eo ie." ¹⁰Ka le nahanton-drozy tamy hazo fanantona iny eo ze nihomany ho ahy Mordekay i Hamana. Bakeo le lefy ty heloky ty mpanjaka.

Chapter 8

¹Tamy andro zay le namea i Ahasoerosy Mpanjaka an'i Estera Mpanjaka ampela ty fanana i Hamana, azy fahavalo ty Jiosy iny, sady Mordekay manomboky nanompo tanila ty mpanjaka eo, fa nivolany i Estera tamy ty mpanjaka ty fomba nifandrampesa i Mordekay taminy. ²Nala ty mpanjaka ty peratsy tampôny, ze nalany ndraiky tamy i Hamana, sady nameany an'i Mordekay zay. Nitondro an'i Mordekay ho mpitariky ty fanana i Hamana i Estera. ³Ke niresaky tamy ty mpanjaka ndraiky Estera. Nandohaliky tamy ty tany ie ka le nitany laha nangataky taminy ty mba handravá ty hevitsy-raty i Hamana azy Agagita iny, amy ty tetiky ze nidinihiny hanohera Jiosy rey. ⁴Le nanondro an'i Estera tamy ty tehy volamena ty mpanjaka, le niary ie sady nitsanga aloha ty mpanjaka. ⁵Hoy ie hozao: "Laha sitsaky ty mpanjaka, sady laha nahita fitea tamasonao eo zaho, laha marina anila ty mpanjaka eo zayeast sady mahita sitsaky amasonao eo zaho, le engaho ho sorata ty lily mba handrava taratasy nisoraty i Hamana anaky i Hamedata Agagita rey, taratasy ze nisoratiny rey mba hamono Jiosy rey ze amy faritany ty mpanjaka iaby any. ⁶Fa hanoviko akory ro fanenty ty loza mahazo amy ty olo lakoko? Hanoviko akory ty hanenty ela ty fandrava olo lakoko rey?" ⁷Nivola tamy i Estera mpanjaka noho tamy i Mordekay Jiosy iny i Ahasoerosy mpanjaka hozao: "Ingo, fa nameako an'i Estera ty tsano i Hamana, sady nahanton-drozy tamy ty hazo fanantona ie, safe nandeha nanafiky Jiosy rey. ⁸Manoràta lily hafa amy ty anara ty mpanjaka ho ahy Jiosy rey ka le tsoboho amy ty peratsy ty mpanjaka zay. Fa ty lily ze fa voasoratsy tamy ty anara ty mpanjaka sady voatsoboky tamy ty peratsy ty mpanjaka ro tsy afaky arava." ⁹Le voakaiky mpanora-dalà ty mpanjaka rey tamy fotoa zay, tamy ty vola fahatelo, ze vola ty Sivàna, tamy ty andro faha ropolo telo amby vola. Ty lily voasoratsy ro mipitiky ze iaby nibekoa i Mordekay mikasiky Jiosy rey. Zay ro nisoraty ho ahy governoram-paritany rey, governora noho manam-boninahitsy ty faritsy ze zisiky India rey eo ka le zisiky Etiopia any, faritany 127, ho ahy ty isam-paritany nisorata manahaky ty fivolanany iaby, sady ho ahy Jiosy rey amy ty soratsy noho fivolanana-drozy. ¹⁰Nanoratsy tamy ty anara i Ahasoerosy Mpanjaka i Mordekay sady nanomboky zay tamy ty peratsy fitomboha-tampô ty mpanjaka. Ty taratasy ro nalefany tamy ty alala ty iraky miondra-sovaly mandeha maré ze nampiasà ho amy ty fanompoa ty mpanjaka, nalà tamy ty tsanon-tsovaly ty mpanjaka. ¹¹Nanome fahefa Jiosy rey isaky ty tanà ty mpanjaka mba hiaraky hivory noho hialy mba hiarova ty ain-drozy: mba handrava, mba hamonoa, sady mba hampitoroa ze herim-pialia baka amy olo lako rey na faritany ze mety hanafiky androzy, anay zay ao aja ampela rey, na handrava ty fananan-drozy. ¹²Tokony nahazo tamy faritany i Ahasoerosy Mpanjaka iaby rey zay, amy ty andro faha folo teloamby vola faha folo roamby, ze vola i Adara. ¹³Ty dika mitovy tamy ty lily ro tokony naboaky ho lalà noho natoro amy ndaty maro ho ahy olo lako iaby rey. Jiosy rey ro tokony ho vonona hamaly faty ty fahavalon-drozy rey. ¹⁴Le niondra ty sovaly ty mpanjaka ze nampiasa ho amy ty fanompoa ty mpanjaka hiraky rey. Nandeha tsy nisy atak'andro ndrozy. Naboaky baka amy ty lapa ao ta Sosana any avao koa ty lily ty mpanjaka. ¹⁵Sady Mordekay niala tanila ty mpanjaka eo nanao akanjo fisikina bolé noho foty, noho satsoky-voninahitsy volamena bevata sady akanjo lava rongony foty maliniky volo-parasy, ka le nihoaky noho nifaly ty tanà i Sosana. ¹⁶Nisy hazava noho hafalea, sady hafalea noho voninahitsy tamy Jiosy rey. ¹⁷Tamy ty faritsy kirai-draiky any noho tamy ty tanà kirai-draiky any, ndra taia ndra taia niavia ty lily ty mpanjaka, le nisy hafalea noho haravoa tamy Jiosy rey, fanasà noho andro fifalea. Lako tamy karazan'olo tamy ty tany rey ro nanjary Jiosy, safe nilatsaky tamin-drozy teo ty tahotsy Jiosy rey.

Chapter 9

¹Sady tamy ty faha folo roa-amby ty vola, ze vola i Adara, tamy ty andro faha folo telo-amby, lafa mariny hanantanteraky ty lalà noho lily ty mpanjaka, tamy ty andro ze nantenay fahavalo ty Jiosy rey hahazoanay fahefa amin-drozy, le nifanakalo zay. Ty Jiosy ro nanam-pahefa tamy ze nalay androzy. ²Le nivory tan-tanàny Jiosy rey ao namono Faritany iaby i Ahasoerosy mpanjaka rey, mba hamango ze naniry hampilitry-loza rey androzy. Ka le tsy nisy afaky nitsanga hanohitsy androzy, safe fa nilatsaky tamy olo lako iaby rey ty tahotsy androzy. ³Mpanjaka ty faritany iaby rey, governoram-paritany rey, governora rey, sady mpanao raharaha ty mpanjaka rey, le nanampy ty Jiosy safe fa nilatsaky tamin-drozy teo ty tahotsy an'i Mordekay. ⁴Fa bevata i Mordekay tan-tsano ty mpanjaka ao, sady niparitaky nameno ty faritany iaby ty lazany, fa lasa bevata lahilahy Mordekay iny. ⁵Le namango fahavalony rey tamy ty meso-bey ty Jiosy, namono noho nandrava androzy, sady nanao manahaky ze sitsakin-drozy tamy ze nalay azy rey. ⁶Nahafaty noho naharava olo dimanjato ndrozy tamy ty fiarova mahery ao i Sosana. ⁷Nivonoan-drozy i Parsandata, Dalfona, Aspata, ⁸Porata, Adalia, ⁹Parmasta, Arisay, Ariday, Vaizata ¹⁰sady anakilahy i Hamana folo rey anakilahy i Hamedota, azy fahavalo ty Jiosy iny. Nefa tsy nandrava fanana ndrozy. ¹¹Andro ze avao ro nitatery tamy ty mpanjaka any, ty hisa ze maty rey tamy ty fiarova mahery i Sosana any. ¹²Le hoasa ty mpanjaka tamy i Estera mpanjaka ampela hozao: "Nahafaty olo dimanjato tao amy ty fiarova mahery i Sosana ty Jiosy, anay zay anakilahy i Hamana folo rey. Le ino zay ro nanovin-drozy tamy faritany ty mpanjaka sisa rey? Ka le amy zao ino ro ilanao? Hamea anao zay. Ino ro fangatahanao? Hamea anao zay." ¹³Le hoasa Estera hozao: "Laha sitsaky ty mpanjaka, le engao ty Jiosy ze a-Sosana any hahazo alala hanantanteraky lily androany toy koa hamaray, sady engao ty faty ty anakilahy i Hamana folo lahy rey hahalavo amy ty hazo fanantona." ¹⁴Le nibeko mba hanantanteraha zay ty mpanjaka. Ty lily ro niboaky baka a-Sosana ao, sady nahanton-drozy ty anaky i Hamana folo lahy. ¹⁵Le nikobo Jiosy iaby rey ta Sosana ao tamy ty andro faha-folo efatsi-amby vola i Adara, ka le nahafaty olo telon-jato fanampiny ta Sasona ao, nefa tsy nandrava fanana. ¹⁶Jiosy sisa ze tamy ty faritany ty mpanjaka rey koa ro niaraky mba hiaro ty ain-drozy, ka afaky tamy fahavalony rey ndrozy sady nahafaty fito aly sy dimarivo tamy ze nalay azy rey. Nefa tsy mba nikasin-tana ty harena ze nivonoany koa ndrozy rey. ¹⁷Tamy ty faha folo teloamby vola Adara ro nitsangana zay. Tamy ty andro faha folo efatsiamby koa le nijano ndrozy ka le nanao zay ho andro fanasà noho fifalefalea. ¹⁸Nefa Jiosy rey ze ta Sosana any niaraky-nivory tamy ty andro faha folo teloamby noho ty faha folo efatsamby. Tamy ty andro faha folo limiamby koa le nijano ndrozy ka le nanoviny andro fanasà noho fifalefalea zay. ¹⁹Zay ro mahavy Jiosy rey amy anaky-vohitsy rey ao, ze namboatsy ty tsanon-drozy tambohitsy any, miemby ty andro faha folo efatsamby ty vola Adara ho andro fifalefalea noho fanasà, sady andro ze hifanomezan-drozy fanomeza aran-kany. ²⁰Le nisoraty i Mordekay an-tsoratsy zay iaby ka le nandefa taratasy ho ahy ty Jiosy iaby ze tamy ty faritany iaby any i ²¹Ahasoerosy mpanjaka ie, na lavitsy na mariny, hanapaha androzy hiemby ty andro faha folo efatsi-amby noho faha folo limi-amby ty vola Adara isan-tao. ²²Andro rey ro nafaha ty Jiosy tamy fahavalony rey, noho vola ze nivalia ty alahelon-drozy ho fifalea, sady fisaora ho andro fifalefalea. Nanovin-drozy andro fisaona noho fifalefalea zay. sady fifanomeza aran-kany, noho fanomeza ho ahy ty mijaly. ²³Le nitohiza ty Jiosy ty fankalaza ze fa natombokin-drozy, ananova manahaky ze nisoraty i Mordekay. ²⁴Tamy ty fotoa zay i Hamana anakilahy i Hamedota azy Agagita iny, azy fahavalo ty Jiosy iaby iny, le nanao tetiky-raty hanohitsy ty Jiosy mba handrava androzy, le nanoraky ty pora ie (na hoe, nanao filoka ie), mba handrava noho handrobaky androzy. ²⁵Fe lafa avy tanila ty mpanjaka eo ty toe-draha, le nampiboaky lily an-taratasy ie fa ty tetiky-raty ze nivolany i Hamana hanohera ty Jiosy le tokony hampimpoly ho an-dohany eo, sady tokony hamonjy amy ty hazo ie mbamy anakilahiny rey. ²⁶Ka le nikaihin-drozy hoe Porima andro rey, baka amy ty anara hoe Pora. Laha ze iaby voasoratsy tanay taratasy zay, noho ze iaby hitan-drozy sady ze nahazo androzy, ²⁷le nenke ty Jiosy ty fomba am-ponao vaovao raiky noho andraikitsy. Fomba zay ro ho androzy, ho an'i tarihany, noho ze iaby miaraky amin-drozy. Zay ro mba hankalazàn-drozy ty andro roe isan-tao zay. Hankalaza zay amy ty fomba manoka amy ty fotoa mitovy isan-tao ndrozy. ²⁸Andro rey le hankalazà noho hembena isaky ty tariha mifanolo, isan-dongo, isam-paritsy, sady isan-tanà. Jiosy rey noho ty tarihany rey le tsy hijano ty hiemby am-pitokisa andro ty Porima rey, mba tsy hanalinoan-drozy zay mihintsy. ²⁹Estara mpanjaka ampela anak'ampela i Abihaila noho i Mordekay azy Jiosy iny le nanoratsy tamy ty fahefa atsiky ka le nampahery taratasy faharoe mikasiky i Porima toy. ³⁰Taratasy ro nalefa tamy ty Jiosy iaby tamy faritany ty fanjaka i Ahasoerosy 127 rey any, niraré fandriam-pahalema noho fahamarina Jiosy rey. ³¹Taratasy rey le nampahery andro i Porima rey amy fotoa ze nanondroa zay, manahaky ze nibeko i Mordekay Jiosy iny noho i Estera mpanjaka ampela an'i Jiosy. Le nenké Jiosy rey ho ahy ty vatany asa zay noho ho an'i tarihan-drozy rey, mabahaky ze fa nanenkean-drozy ty fotoa ty fifalian-kany noho ty fitania koa. ³²Nampahery fitsipiky momba i Porima rey ty lily i Estera rey. sady voasoratsy tanay boky ao zay.

Chapter 10

¹Bakeo Ahasoerosy mpanjaka nampandao haba tamy ty tany noho tamy ty moron-tsiraky ty riaky. ²Ty raha-vitany iaby noho ty heriny nohobtyvfahefany, niaraky tamy ty fitantara ty habevata i Mordekay ze hanondrota ty mpanjaka azy, le voasoratsy amy ty boky ty tantara ty mpanjaka i Media noho Persia ao zay. ³Mordekay azy Jiosy inu to mpanjaka lahara faharoefafara i Ahasoerosy mpanjaka. Bey tamy Jiosy rey eo ie sady nalaza tamy rahalahy ty Jiosy eo lako, safe nila ty hanampia ty olo lakony ie sady nanono fiadana tamy ty olo lakony iaby.

Job

Chapter 1

¹Nisy lahilahy raiky tamy ty tany Oza ao ze Joba ro anarany; sady Joba le tsy misy tsiny sady mahity, ze natahotsy an-Janahary sady nifaly ty raty. ²Ie le nana anakilahy fito noho ampela telo. ³Ie le nana aondry fito arivo, rameva telo arivo, aomby lahy noho vavy dimanjato, noho boriky dimanjato sady mpanompo lako maré. Ie ro lahilahy bevata bibiky tamy olo Tantinana iaby. ⁴Isaky ty andro voatondro ho ahy ty anakilahiny, le nanao firavovaravao tan-tsanony ie. Ndrozy le naniraky ka nikaiky anabaviny telo rey mba hiaraky hihina noho hino amin-drozy. ⁵Lafa ho farany ty fifalefalea, le nampikaiky sady nanamasy androzy i Joba. Nifoha maray bevata ie sady nanao fanomezana oroa ho ahy anany kirai-draiky iaby rey, fa hoy ie hoe: "Mety fa nanota na nanoto an-Janahary tampony any anako rey." Nanao zay avao i Joba. ⁶Sady tamy andro zay le avy niseho tanila Yaveh eo anan-Janahary rey. Le avy niaraky tamin-drozy koa i Satana. ⁷Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Baka aia ro niaviananao?" Sady Satana namaly an'Yaveh ka le nanao hozao: "Baka niriorio tan-tany teto, niriorio taminy teo." ⁸Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Fa nandiniky an'i Joba mpiasako va iha? Safe tsy misy manahaky azy anabo ty tany eto, lahilahy tsy misy tsiny sady mahity, ze matahotsy an-Janahary sady mifaly ty raty." ⁹Baka eo Satana namaly an'Yaveh ka and nivola hozao: "Matahotsy an-Janahary amy ty tsy misy antony va i Joba?" ¹⁰Tsy nasianao vala va miodidy azy, miodidy ty tsanony, sady miodidy ze azy iaby? Fa nitahinao asa tanany rey, sady nitomb biby harény amy ty tany eto rey. ¹¹Fa amy zao Amparo ty tananao sady kasiho ze iaby hananany, sady henteo laha tsy manozo Anao amy ty tarehinao eo ie. ¹²Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Ingo, am-pelatananao eo ze iaby hananany. Fa ie vatany avao ro aza hanamparanao ty tananao." Le niala tanila Yaveh teo i Satana. ¹³Sady ndraik'andro, nihina noho nino divay tan-tsano ty anakilahiny velohany any anakilahiny noho anak'ampelany rey. ¹⁴Nisy mpanday hafatsy raiky namonjy an'i Joba sady nivola hozao: "Niasa tany aomby rey sady boriky rey le nihina tanila rey teo." ¹⁵Nanafiky androzy Sabeana rey sady nanambotsy androzy. Laha ty amy mpiasa rey, le nivangoan-drozy tamy ty lela-meso bevata. Zaho raiky ro tafaboaky mba hampaharé anao." ¹⁶Laha mbo nivola iny ie, le nisy raiky hafa avy sady nivola hozao: "Nilatsaky baka an-danitsy any ty afon-Janahary sady nandoro aondry noho mpiasa rey. Zaho raiky ro tafaboaky mba hampaharé anao." ¹⁷Laha mbo nivola iny ie, le nisy raiky hafa koa avy sady nivola hozao: "Nizara goropy telo Kaldeana rey ka le nanafiky rameva rey, sady nanambotsy rey. Laha ty amy mpiasa rey, le nivangoan-drozy tamy ty lela-meso bevata. Zaho raiky ro tafaboaky mba hampaharé anao." ¹⁸Laha mbo nivola iny ie, le nisy raiky hafa koa avy sady nivola hozao: "Anakilahiko noho anak'ampelako rey le nihina noho nino divay tan-tsano ty anakilahin-drozy velohany ao." ¹⁹Nisy tsioky mahery avy baka ambaliky any nahazo ty zorony tsano efatsy iny. Nilatsaky tamy pamaraky rey zay, sady maty ndrozy. Zaho raiky ro tafaboaky mba hampaharé anao." ²⁰Le nitsanga i Joba, nanataky ty akanjony, nanaratsy ty lohany, niondriky tamy ty tany eo, sady nanompo an-Janahary. ²¹Hoy ie hozao: "Nitanjaky zaho laha niboaky tan-tsarotso ty reniko ao, sady hitanjaky zaho lafa himpoly ao. Yaveh ro nanome, sady Yaveh ro nangalaky. Isaora lahy ty anara Yaveh." ²²Tamy raha-nitsanga iaby rey, le tsy nanota i Joba, na koa nahazo an-Janahary ho nanao ty tsy mety.

Chapter 2

¹Sady tamy andro zay, avy niseho tanila Yaveh teo anan-Janahary rey. Avy niaraky tamin-drozy hiseho tanila Yaveh eo avao koa i Satana. ²Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Niavy baka aia iha?" Le namaly an'i Yaveh Satana ka le nanao hozao: "Baka niriorio tan-tany eny, niriorio teny."³Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Moa va fa nandiniky an'i Joba mpiasako iha? Safe tsy misy ndra raiky aza an-tany eto ka mitovy aminy, lahilahy tsy misy tsiny sady marina, matahotsy an-Janahary sady mifaly ty raty. Mbo mitanjaky ty fahitiany zisiky amy zay ie, ndra fa nanodaky lala Ahy hanohitsy azy aza iha, mba hampipotiky azy tsy amy ty antony." "Satana namaly an'Yaveh ka le nanao hozao: "Holitsy takalo ty holitsy; eka vatany; ty olo ro hanome ze iaby hananany ho takalo ty ainy. ⁵Fa amparo ty tananao zao sady kasiho ty taolany noho ty nofotsiny, le henteo laha tsy hanozo anao amy ty tarehinao eo ie." ⁶Hoasa Yaveh tamy Satana hozao: "Ingo, am-pelatananao eo ie; ty ainy avao ro engaho hanovinao."⁷Le nanjary Satana niala tamy ty famonjea Yaveh eo. Namango ongan'afo mafana raty an'i Joba zisiky amy ty lela-tombony eny ka le zisiky anabo-lohany eny ie. ⁸Nangalaky vakim-balany vita tamy ty tanimanga i Joba hihaokaorany ty vatany, sady nipetsaky tanivo ty lavenoky eo ie.⁹Le hoy ty valiny taminy hozao: "Mbo mitandraky ty fahitiano avao va iha? Ozony Njanahary sady mahery." ¹⁰Fa hoy ie taminy hozao: " Miresaha manahaky ty fivolana ty ampela adala iha. Ty soa avao va ro tokony ho rambesintsika baka amin-Janahary ka le tsy rambesy ty raty?" Laha iaby zay, le tsy nanota tamy ty soniny i Joba.¹¹Sady lafa nharé ty raty iaby nahazo androzy nama Joba telo, le samby baka amy ty toerany any iaby ndrozy: Elifaza Temanita iny, Bildada Sohita iny, sary Zofara Namatita iny. Nanoka fotoa ndrozy mba fiaraha ory aminy noho hampahereza azy.¹²Lafa nijilo baka lavitsy eny ndrozy, le tsy nahay azy. Nanondrotsy ty feony ndrozy sady nitany; samby nandromotsy ty akanjony noho nandraraky lemboky tamy ty tsioky eny noho tamy ty lohany eo avao ty kirai-draiky. ¹³Bakao le nipetsaky tamy ty tany niaraky taminy rozy anay ty fito andro noho fito haly. Tsy nisy niresaky taminy ndrozy, safe hitan-drozy fa tena bevata vatany ty alahelony.

Chapter 3

¹Tafara zay, namoha ty vavany Joba sady nanzo ty andro nahaterahany. ²Hoy ie hozao: ³"Ho rava lahy ty andro ty nahaterahako, ty haly ze nanao hozao: "Misy aja lahilahy vo torotoro." ⁴Ho haiko lahy andro zay; tsy hotiaron-Janahary baka anabo any lahyzay, na hamirapiratsy amy zay ty masoandro. ⁵Ty haiky noho ty aloky ty fahafatesa lahy hilaza zay ho androzy manoka. Hipetsaky amy zay eo lahy ty raho; ty raha iaby ze mahavy ty andro ho mainty lahy hampangorohoro zay vatany. ⁶Ty amy haly zay, hanambotsy zay lahy ty halim-pito. Tsy hifaly tamy ty andro ty tao eo lahy zay; tsy ho avy amy ty hisaky ty vola lahy zay. ⁷Ingo, ho hitahy lahy haly zay; tsy hisy feompifalea lahy ho avy amy zao ao. ⁸Hanozo andro zay lahy ndrozy, ndrozy ze mahay ty fomba hamoha ty Leviatana. ⁹Haiky lahy basia ty andro vo im-bola rey zay. Hila fahazava lahy andro zay, fe tsy hita; na hahita holi-maso rey ty vo im-bola, ¹⁰safe tsy nanily ty varavara ty sarotso ty reniko zay, sady safe tsy namony fijalea rey tsy ho tamasoko eo zay. ¹¹Nanino lahy zaho ro tsy maty lafa niboaky baka an-tsarotso ao? Nanino zaho ro tsy niala ty fanahiko laha niteraky ahy ty reniko? ¹²Nanino ro nitsena ahy ongony rey? Nanino ro nandramby ahy nonony rey mba hafahako mieritseritsy? ¹³Fa manahaky zaho ze fa niroro am-piadana. Niroro zaho sady nijano ¹⁴niaraky tamy mpanjaka noho mpanome say tany rey, ze nanory lolo ho ahy ty vatan-drozy ze fa rava amy zao rey. ¹⁵Ndra fa nimaty niaraky tamy pamarakiny ze nana volame faela zaho, ze namono tsanony rey tamy ty volafoty. ¹⁶Ndra mety ho teraky tsy avy vola zaho, manahaky aja ze tsy mbo nahita ty hazava mihintsy rey. ¹⁷y ro mijano amy ty fijalea ty raty fanahy; any ro mijano ty vozaky. ¹⁸Any ro gadra rey le hiaraky hivory; tsy maharé ty feo ty mpiasa ndrozy. ¹⁹Samby any ty olo kelikely noho bevata; ty mpiasa ro afaky amy ty tompony any. ²⁰Nanino ty fahazava ro amea azy ze anay ty fijalea ao? Nanino ty fiaina ro amea ze mangily fanahy, ²¹ho ahy ty raiky ze mandiny maré ty fahafatesa ze tsy ho avy; ho ahy ty raiky ze mihaly fahafatesa mandilatsy noho ty hanana mivony? ²²Nanino ty fahazava ro amea ho ahy ty raiky ze atsiaky hafalia sady falifaly lafa hitany ty lolo? ²³Nanino ty fahazava ro amea ho ahy ty olo raiky ze mivony ty lalany, olo raiky ze voafehin-Janahary tao? ²⁴Fa ty fiaiko ro miseho laha tokony hihina; miraraky manahaky ty rano ty fitorevako. ²⁵Fa ty raha ze natahorako avy tamiko eo; ze nampatahotsy ahy le avy tamiko. ²⁶Tsy milamy zaho, tsy mivola zaho, sady tsy mana fijanono zaho; ty fijalea ndraiky ro avy."

Chapter 4

¹Le namaly i Elifaza Temanita iny ka le nanao hozo: ²"Laha misy olo manandrama miresaky aminao, le tsy haharitsy va iha? Nefa is ro afaky handrara ty vatany tsy hivola? ³Ingo, lako rey fa nampianarinao; fa nampatanjaky ty tana malemy iha. ⁴Nitandraky ze nilavo safanao rey; fa nampaherezinao ty malemy ongotsy. ⁵Nefa zao avy aminao ty fijaleako, sady mihena iha; mikasiky anao zay, sady ory iha. ⁶Moa tsy ty fahatahoranao ro tokinao, sady ty fahitia ty lalanao ro fanantenanao? ⁷Mba saino lahy zao: ia ro fa rava tsy manan-tsiny? Ndra ombia olo-marina rey ro nitoroa? ⁸Manahaky ze fa hitako, ze mamboly heloky rey noho mandraraky olana ro mahazo zay. ⁹Amy ty alala ty imbon'ain-Janahary ro haharava androzy; amy ty fipoaha ty helokiny ro haharava androzy. ¹⁰Ty fierotsy ty liona, ty feo ty liona masiaky, hy ty liona tanora rey---toro rey. ¹¹Rava ty liona antitsy noho ty tsy fahampia haza rey, anany ty liona vavy rey le miparitaky eny iaby. ¹²Nisy raharaha nandesy antsokosoko tamiko teto, sady naharé bisibisiky momba zay ty sofiko. ¹³Le nisy eritseritsy avy baka amy ty fahita amy ty haliky, Lara tafalatsaky tamy ty olo ty roro haliky. ¹⁴Tanay ty haly ro hiavia ty tahotsy noho horohoro tamiko, sady mangitikitiky ty taolako iaby. ¹⁵Sady nisy fanahy nandalo taloha ty tarehiko eo, sady nitsanga ty volo tamy ty vatako. ¹⁶Nijano fanahy iny, fe tsy nety voafaritsiko ty endrikiny. Endrikiny raiky ro taloha ty masoko teo; nisy tsy fivolana, sady naharé feo zaho nanao hozo: ¹⁷"Afaky ty ho marina mety maty? Afaky ty malio noho mety maty? Afaky ty halio noho ty Mpamoro azy va ty olo raiky? ¹⁸Ingo, laha tsy mampipetsaky fatokisa amy mpiasany rey Njanahary; lana mahazo anjely reynoho ty hadalany le, ¹⁹zisiky aia ty fahamarina ze mipetsaky anay tsano vita amy ty tanimanga rey, ze amy ty lemboky ao ty fototsy ipetrahany, ze potiky aloha ty kalalifa? ²⁰Toroa anivo ty marina eo noho hariva ndrozy; rava mandrakizay tsy misy mahay vatany ndrozy. ²¹Tsy voaombotsy tamin-drozy va ty talin-dain-drozy? Maty ndrozy; maty tsy misy fahendrean-drozy.

Chapter 5

¹Mikaiha maré amy zao; hisy olo hamaly anao va? Ia amy masy rey ro hitolihanao? ²Safe ty heloky ro mamono ty olo adala; ty fialona mamono ty ketsiny. ³Fa nahita olo adala nahazo fotony zaho, fa tampoky teo le nihozoniko ty vokatsanony. ⁴Ty anany ro lavitsy ty filamina; vo torotoro amy ty varavara ty tanán-drozy ao. Tsy misy olo hamonjy androzy. ⁵Ty mosaré ro mihina ty vokatsin-drozy; alan-drozy baka amy ty fatiky eny mihintsy aza zay. Ty mangetaheta misanasana vava amy ty herin-drozy. ⁶Safe aly sarotsy rey le tsy miboaky baka amy ty tany ao; na ty fijalea mitimoky baka amy ty tany. ⁷Fa koa, ty olombelo le teraky ho ahy ty fahoria, manahaky ty pitsik'afo maliniky miakatsy. ⁸Fa laha ty amiko, le hitoliky amin-Janahary zaho; Aminy zaho ro hampipetsaky ty alioo— ⁹Ie ze manao raha bevata noho tsy takatsy ty say, raha mahajilo tsy hita hisaky. ¹⁰Manome ora ty tany Ie, sady mandefa rano amy baibo rey. ¹¹Manao zay Ie mba hametsaha amy ty abo ze maiva rey; mba hanondrota ty malahelo ho amy ty filamina. ¹²Nandrava ty faniria olo mailo rey Ie, mba tsy homety ty tanan-drozy. ¹³Mamandriky ty olo hendry amy ty asa failon-drozy Ie; ty tetiky ty olo raty fanahy le malaky tampitsy. ¹⁴Mifanojiky amy ty haike ndrozy amy ty atoandro, sady mitsapatsapa amy ty mitatao vovona manahaky ty amy ty haly. ¹⁵Nefa manavotsy ty olo mijaly tsy ho amy ty meso bevata ty vavan-drozy sady olo ory tsy amy ty tana ty olo mahery rey ie. ¹⁶Ka le manam-panantena mijaly rey, sady ty tsy fahamarina nampieny ty vavany avao. ¹⁷Ingo, voatahy ty olo ze hahitsin-Janahary; laha zay, aza anovy tsinotsino ty fanasazia azy Tsitoha iny. ¹⁸Fa mandratsy Ie sady bakeo mamehy ty fandratsy; mandratsy Ie sady bakeo ty tanany ro manafaky. ¹⁹Hanavotsy anao amy fijalea rey eny Ie; eka vatany, amy fijalea fito rey, tsy hisy raty hikasiky anao. ²⁰Amy ty mosary le hanavotsy anao amy ty fahafatesa Ie, sady amy ty tana ty meso bevata amy ty aly. ²¹Havony amy ty loza ty safa iha; sady tsy hatahotsy ty fandrava iha lafa avy zay. ²²Hihehy ty fandrava noho ty mosary iha, sady tsy hatahotsy biby-li ty tany rey. ²³Safe hana fanekea amy vato am-baibonao ao rey iha, sady biby ty baibo le hilongo aminao. ²⁴Hohainao fa voaaro ty lainao, hisafo ty valan'aondrinao iha sady tsy ho ory ndra ino ndra ino. ²⁵Ho hainao avao koa fa ho bevata ty voanao, fa hanahaky ty akata amy ty tany eny ty ananao. ²⁶Ho an-dolo any iha lafa loha tao, manahaky ty isangonim-bary ze miakatsy amy fotoa zay. ²⁷Ingo, fa nidinihinay raharaha zay; manahaky zao zay; janjino zay, sady haiko ho ahy ty vatanao."

Chapter 6

¹Le namaly Joba ka le nivola hozao: ²"Eh, laha mba voalanja aza ty fangirifiriko; laha mba nanovy tamy ty mitovy eo iaby aza ty loza nahazo ahy iaby! ³Fa amy zao le mavesatsy tokoa noho ty fasin-driaky zay. Ka le zay ro mahavy safako rey tsy am-pihevera. ⁴a ty anaky kititsy ty Tsitoha le amiko ato, mino poizy ty fanahiko; fangorohoroan-Janahary ro milahatsy hanohitsy ahy. ⁵Maneno maré va ty ampondra-li laha mana akata? Ndra ty aomby hitsena noho ty hamosary laha mana akata? ⁶Sady ze tsy misy tavy va azo hany laha tsy misy sira? Ndra misy taviny va ty tampotsin'atoliny? ⁷Mandà ty hikasiky rey zaho; manahaky ty hany mampangoritsy ahy rey. ⁸Eh, enganie ka le ho azoko ty fangatahako; eh, enganie ka le hamean-Janahary ahy ty raha ze iriko maré: ⁹mba ho sitsaky Njanahary ty hanorotoro ahy indraiky avao, ka le hanondrotsy ty tanany sady hangalaky ahy amy fiaina toy Ie! ¹⁰Enganie ho mbo fionanako zao--na le mifaly amy ty faharary ao ze tsy mihena aza zaho: fa tsy handà ty safa Njanahary masy iny zaho. ¹¹Ino moa ro heriko, ro mbo tokony hiezaky avao zaho? Ino ro hiafarako, ro tokony ho halavako ty androko? ¹²Herim-bato va ty heriko? Ndra vita amy ty saba va ty nofotsiko? ¹³Tsy marina va fa tsy misy fanampea sasy amy ty vatako ao, sady fahendrea zay fa nalà tamiko? ¹⁴Ho ahy ty olo ze fa ho vozaky, ty fatokisa ro hatoro ty namany; na le amy ze nahafoy ty fatahora ty Tsitoha aza. ¹⁵Fa rahalahiko rey le nahatoky tamiko manahaky ty ranotsambo an'efitsy any, manahaky lakan-drano ze mandalo avao, ¹⁶ze maiky noho ty ranomandry amin-drozy ao, sady manahaky ty oram-panala ze mamony ty vatany amin-drozy ao. ¹⁷Sady lafa rava ndrozy, le manjavo; lafa mafana, le mitsoniky an-toera. ¹⁸Ty rodobe ze mandeha amy ty lalany ro niodaky hila rano; miriorio an-tany eny tsy mamokatsy ie rey ka le rava. ¹⁹Ty rodobe baka Tema ao ro nijilo teny, laha manantena androzy ty antoko i Sheba. ²⁰Diso fanantena ndrozy noho ty fatokisany fa hahita rano. Nandeha tany ndrozy, nefav voafitaky. ²¹Fa amy zao nareo namako le tsinotsino amiko; mahita ty raha mandaginy nahazo ahy nareo ka le matahotsy. ²²Nivola taminareo va zaho hozao: 'ameo raha zaho? Ndra hoe: 'Hanomeza fanomeza baka amy ty hanananareo zaho? ²³Ndra hoe: 'Anovo amy ty tana fahavaloko rey zaho?' Bdra hoe: 'Afaho amy ty tana mampijaly ahy rey zaho?' ²⁴Ampianaro zaho, le ho tanjahako ty tsy fivolanako; anovo ze hahatakarako hoe taia ro nahadiso ahy. ²⁵Hentao ty maha mety ty teny marina! Nefa ty fandresean-dahatsinareo, Nanino ty tena hananara ahy rey? ²⁶Mikiry ty hanao tsinotsino ty safako va nareo, manao ty safa ty olo mamono fo hanahaky ty tsioky? ²⁷Eka vatany, miloka ty aja kamboty baba nareo, sady mialy varotsy amy ty namanareo manahaky ty entam-barotsy. ²⁸Ka le amy zao, mba hentao lahy zaho, fa tena tsy mba havandy anila ty tarehinareo eo zaho. ²⁹Mijanona, milalilaly aminareo zaho; ao tsy hisy tsy fahamarina aminareo eo; eka vatany, mijanona, fa marina ty aliko. ³⁰Misy haratia va amy ty lelako eo? Tsy afaky mahay ty raha-raty va ty vavako?

Chapter 7

¹Moa va ty olo tsy mana asa mahery an-tany eto? Moa va ty androny tsy mitovy amy ty andro ty lahilahy raiky nikarama? ²Manahaky ty andevo raiky mitiry maré ty aloky ty hariva, manahaky ty lahilahy raiky mila ty karamany--- ³ka le nanovy mba hiaritsy ty vola ty fijalea zaho; fa namea haly atsiky fikorontana zaho. ⁴Lafa miroro zaho, le mivola amy ty vatany hozao: 'Ombia zaho ro hifoha sady ombia ty haly ro ho lasa?' Nivalibaliky ambony ambany zaho zisiky-maray ty andro. ⁵Nisiky soko noho bongana-tany ty nofotsiko; maiky ty fery tamy ty holitsiko sady bakeo le afaky sady mimpoly ndraiky. ⁶Malaky-fandehana noho ty famahana-tsanaky ty androko; mandalo tsy misy fanantena rey. ⁷Njanahary, tiarovo fa ty fiainako ro imbonay raiky avao; tsy hahita soa sasy ty masoko. ⁸Ty mason-Janahary, ze mahita ahy, le tsy hahita ahy sasy; ty mason-Janahary le ho amiko eo, fe tsy hisy zaho. ⁹Manahaky ty raho rava noho miparitaky, le manahaky zay koa ro tsy miakara ze mijotso amy ty Fiainan-tsy any sasy. ¹⁰Tsy himpoly an-tsanony any sasy ie; na ty fonenany aza tsy hahay azy sasy. ¹¹Laha zay tsy hampikombo ty vavako zaho; fa hivola amy ty fangirifiry ty fanahiko; hitoreo amy ty fangily ty fanahiko zaho. ¹²Moa va riaky zaho na biby masiaky an-driaky ro asiana fiembena amiko eo? ¹³Lafa mivola zaho hozao: 'Hampieny ahy ty kitseliko, sady ty firoroako hampieny ty fitorevako,' ¹⁴le mampatahotsy ahy amy ty nofy noho mampangorohoro ahy amy ty alala ty fahita Iha, ¹⁵mba hitinginako ty famehoza noho ty fahafatesa manahaky ze miaro taolako reto. ¹⁶Halako ty fiainako; tsy maniry ty ho velo zisiky farany zaho; engao raiky zaho fa tsy misy dikany ty androko. ¹⁷Ino moa ty olo ro tokony mahimahiana, ro tokony ho dareanao, ¹⁸ro tokony ho dinihinao isaky-maray noho tsapanao amy ty fotoa iaby? ¹⁹Zisiky-ombia zay aloha ty hialanao amiko, aloha ty hanenganao ahy raiky ampy hitelenako ty iviko? ²⁰Ndra le nanota aza zaho, le ho ino moa zay, Iha ze mandiniky ty olo? Nanino Iha ro nikiry ahy, mba ho enta-mavesatsy ho anao? ²¹Nanino Iha ro tsy manenga ty hadisoako noho mangalaky ty heloko? Fa amy zao zaho le hiroro amy ty lemboky; hila ahy maré Iha, fa tsy hisy zaho."

Chapter 8

¹Le namaly Bildada azy Sohita iny ka le nivola hozao: ²"Zisiky-ombia ro hivola raha rey iha? Zisiky-ombia ty safa aloky ty soninao ro ho nanjary tsioky mahery? ³Mamaliky ty rariny va Njanahary? mamaliky ty fahamarina va ty Tsitoha?⁴Fa nanota taminy ty anako; haitsika zay, fa nameany tan-tana ty fahotany eo ndrozy. ⁵Diniho fa nila an-Janahary maré iha sady nampitro ty fangatahanao tany azy Tsitoha iny.⁶Laha malio noho mahity iha, le azo antoky fa hiemby anao le sady hampimpoly anao amy ty toera ty fahamarinanao eo. ⁷Ka le ro kelikely aza ro niboahanao, le ho bevata bibiky ro hiafaranao.⁸Anontanio lahy tariha taloha rey teo, sady haizo ze nianara ty razambenao. ⁹(Fa tsika le vo teraky nomaly sady tsy mahay ndra ino ndra ino safe aloky ty androtsika an-tany etoy). ¹⁰Tsy hampianatsy anao va ndrozy ka le hivola aminao? Tsy hivola safa baka am-pony ao rey va ndrozy?¹¹Afaky mitombo va ty zozoro laha tsy misy ketsaketsa? Afaky mitombo va ty volotara laha tsy misy rano? ¹²Laha mbo mikaiky noho tsy voatapaky ndrozy, le malazo aloha ty raha-mitiry hafa.¹³Manahaky ze ka le ty lala iaby ze manalino an-Janahary, ho rava ty fanantena ty mpandratriaty. ¹⁴Hiala ty fatokisany, sady ty fatokisany le malemy manahaky ty tsanom-paraky. ¹⁵Hitehy amy ty tsanony ie, fa tsy hanoha azy zay; tanjaky zay ie, nefa tsy hahazaka zay.¹⁶Ambany ty masoandro eo le mikaiky ie, sady ty sampany miboaky amy ty zaridainy iaby eo. ¹⁷Ty fotony le voafono korotam-bato; mila toera soa amy ty vato eo ndrozy. ¹⁸Fa laha nipotehy hiala amy ty toerany olo zay, le handà azy toera zay ka le hivola hozao: "Tsy mbo nahita anao mihintsy zaho."¹⁹Ingo, zay ty "fifalea ty" fandaisambata ty olo manahaky zay; sady hisy raha-mitiry hafa hitimoky amy ty nofon-tany eo mitovy amy ty toerany eo. ²⁰Ingo, Njanahary tsy hanary lahilahy raiky tsy manan-tsiny; na hitanjaky ty tana ty mpanao raty²¹Mbo ho fenoany fiheheza avao ty vavanao, noho fihirà ty soninao. ²²Ze malay anao rey le hisiky henatsy; sady tsy hisy sasy ty lay ty raty fanahy."

Chapter 9

¹Sady le namaly Joba ka le nivola hozao: ²"Haiko marina fa zay tokoa ro ie. Fa manao akory ro ahafaha ty olo raiky ho marina amin-Janahary? ³Laha te-hialy hevitsy amin-Janahary ie, tsy afaky hamaly Azy indraiky amy ty arivo raiky ie. ⁴Njanahary le hendry am-po sady matanjaky amy ty heriny; ia ro fa nampahery ty vatany hanohitsy Azy ka le nahazo? — ⁵Ie ze mamalo ty vohitsy ka le mampitandrina ndra ia ndra ia lafa mamaliky amy ty helokiny rey Ie— ⁶Ie ze manozongozo ty tany hiala amy ty toerany eo sady mampangitikitiky ty andriny. ⁷Njanahary zay avao ro mivola ty masoandro tsy hiboaky, sady tsy miboaky zay, sady mampisaro basia rey iny, ⁸ze Ie vatany ro mamelatsy ty lanitsy sady miosihosy ty onjandriaky, ⁹ze manao ty Bera, Telo noho refy, Ikotokelimiadilaona, sady basia an-timo any rey. ¹⁰Njanahary zay avao ro manao raha bevata, raha tsy takatsy ty say—raha-mahatseriky tsy hita hisaky. ¹¹Ingo, mandeha anilako eto Ie, nefa tsy hitako; mandalo avao koa Ie, nefa tsy haiko. ¹²Laha mangalaky raha Ie, ia ro hahasaka Azy? Ia ro afaky hivola aminy hozao: 'Ino anovinao toy?' ¹³Njanahary tsy hangalaky ty helokiny; mpanampy an-dRahaba rey aza miondriky ambaniny eo. ¹⁴Ka le vo maiky fa nanino ro hafahako mamaly azy, hahafako mitingy safa halahatsy aminy? ¹⁵Ndra le marina aza zaho, le tsy afaky ty hamaly azy; mangataky famalozam-po amy ty mpitsarako avao ro azoko anovy. ¹⁶Ndra le nikaiky aza zaho sady namaly ahy Ie, tsy nino zaho hoe hijanjy ty feoko Ie. ¹⁷Safe mandrava ahy amy ty talio sady manatsiky ty feriko amy ty tsy misy dikany Ie. ¹⁸Tsy manenga ahy hiay Ie; fa koa, fenoany raha-mangily zaho. ¹⁹Laha resaky fatanjaky, ingo!, mahery Ie! Laha resaky fitsarà ia ro afaky hampikaiky Azy? ²⁰Ndra le amy ty marina aza zaho, ty vavako avao ro hahazo ahy; sady na ro tsy manan-tsiny aza zaho, safako rey hanaporofa ahy fa meloky zaho. ²¹Tsy mana-tsiny zaho, neda tsy dareako sasy ty momba vatako; anoviko tsinotsino ty fiainako. ²²Tsy manova raha zay, ka le zay ro ivolanako hoe haravany miaraky ty olo tsy misy tsiny noho ty olo raty fanahy. ²³Laha hamono tampoky ty areti-mandrava, le hihehy ty amy ty fijalea ty olo tsy manan-tsiny Ie. ²⁴Namea tan-tana ty olo raty fanahy eo ty tany; Njanahary manaro tarehy ty mpitsara rey zay. Fa laha tsy Ie ro manao zay, le ia? ²⁵Ty androko le malaky-fandehana noho ty mpanday hafatsy milailay; ty androko le miparitaky; ka le tsy misy soa hita ndra ia ndra ia rey. ²⁶Malaky-fandehana manahaky ty lakan-jozoro rey, sady malaky-fandeha manahaky ty voromahery mipoaky ty hazany. ²⁷Laha nivola zaho hozao hanalino fitoreoko rey zaho, hangalaky ty endriky malaheloko zaho ka le faly, ²⁸le hatahotsy ty alaheloko iaby zaho safe haiko fa tsy hidiniky ahy ho tsy manan-tsiny Iha. ²⁹Ho helofa zaho; ka le nanino sady zaho ro tokony hiezaky tsy amy ty dikany? ³⁰Laha manasa ty vatako tany ty ranon'oram-pala zaho sady nanao ty tanako malio tsy nisy manahaky zay, ³¹le handroboky ahy an-kady any Njanahary, sady ty akanjoko le ho hangoritsy ty amiko. ³²Fa tsy olo manahaky ahy Njanahary, ka le afaky hamaly Azy zaho, ka le hiaraky avy amy ty fitsarà eo zahay. ³³Tsy misy mpitsara anivonay eo mba hampipetsaky ty tanany aminay roe. ³⁴Tsy misy mpitsara hafa afaky mangalaky ty tsorakazon-Njanahary amiko, ze afaky mitandraky ty horohorony tsy hampatahotsy ahy. ³⁵Le hivola maré zaho sady tsy hatahotsy Azy. Nefa amy raha-misy zao, le tsy afaky hanao zay zaho.

Chapter 10

¹Vozaky ty miay zaho; hanoro malalaky ty fitorevako zaho; hiresaky amy ty fangilia ty fanahiko zaho. ²Hivola amin-janahary zaho hozao: 'Mba ka manasazy ahy avao; atoro ahy ty dikany hahazoanao ahy. ³Mety aminao va ty mampijaly ahy, ty manao tsinotsino ty asa ty tananao am-piheheza eo amy tetiky ty raty fanahy rey?'⁴Mana maso-nofotsy va Iha? Mahita manahaky ty fahita ty olo va Iha? ⁵Moa andronao va rey manahaky ty andro ty olombelo na ty taonao manahaky tao ty olo rey, ⁶ro ilanao ty heloky sady hianinao ty fahotako, ⁷na le hainao aza fa tsy meloky zaho sady tsy misy olo afaky hanavotsy ahy am-pelatananao eo?'⁸Ty tananao ro naminavina noho nanamboatsy ahy iaby, nefa toroe avao zaho. ⁹Tiarovo, mangataky aminao zaho, fa naminavina ahy manahaky ty tanimanga Iha; le hampolinao ho lemboky ndraiky va zaho?'¹⁰Moa tsy nandraraky ahy manahaky ty ronono noho nampandriky ahy manahaky ty fromazy va iha? ¹¹Nisikinanao tamy ty holitsy noho ty nofotsy zaho sady nampandrambesinao tamy ty taola noho hozatsy.¹²Nameanao fiaina noho fanekea matoky zaho; niemby ty fanahiko ty fiainanao. ¹³Nefa raha ze navoninao tam-ponao ao rey--le haiko fa zao ro nidinihinao: ¹⁴laha manota zaho, le ho hainao zay; tsy hanafaky ahy amy ty heloky Iha.¹⁵Laha raty fanahy zaho, le loza ho ahy; na le mariny aza zaho, le tsy afaky hanondrotsy ty lohako, safe atsiky henatsy zaho sady manenty ty fijelako manoka, ¹⁶Laha miandra ty lohako, le hihaosa ahy manahaky ty lio a iha; mpitoro ty vatanao ho mahery amiko ndraiky Iha. ¹⁷Manday vavolombelo vaovao manohitsy ahy Iha sady mampitombo ty helokinao amiko; manafiky ahy amy ty tafiky vaovao Iha.¹⁸Nanino moa, ro naboakinao baka an-dabosiko ao zaho? Aleoko nanome ty fanahiko ka le tsy mba nisy maso nahita ahy. ¹⁹Hanahaky ty tsy nisy ndra ombia ndra ombia zaho; ho andesy baka an-dabosiko ao nana an-dolo any zaho.²⁰Tsy ampy avao va ty androko? ka le engaho moa, engaho raiky aho, mba hialako havozaha kelikely ²¹aloha ty hialako amy azy tsy himpoliako eo iny, mana amy azy tany ty haiky iny any noho aloky ty fahafatesa, ²²azy tany ze maiky manahaky ty sasak'aly iny, azy tany ty aloky ty fahafatesa iny, tsy misy filamina, ze manahaky ty misasak'aly ty hazava.'"

Chapter 11

¹Sady Zofara azy Namatita namaly sady nivola hozao: ²"Tsy tokony ho valia va ty safa atsiky manahaky zay?

³Tokony honoa va, lahilahy toy, be resaky va ty firengirenginao? Laha maniviva ty fampianarany iha, tsy hisy olo hampamenatsy anao va?⁴Safe iha nivola tamin-Janahary hozao; 'Malio ty finoako, tsy manan-tsiny amasonao eo zaho.' ⁵Nefa, eh,hivola Njanahary sady hamoha ty soniny hanohitsy anao; ⁶mba hanoroa anao tsiambaratelo ty fahendrea rey! Fa bevata amy ty helokin-tsay Ie. Haiko sady fa kelikely noho ze maeva ty helonikinao ro angatahan-Janahary amina.⁷Mahatakatsy an-Janahary amy ty fila Azy va iha? Takatsinao tanteraky va ty Tsitoha? ⁸Raha zay le abo manahaky ty lanitsy; ino ro afaky anovinao? Lality noho ty Fiainan-tsy zay; ka le ino ro haina?⁹ Ty metatsy zay le lava noho ty tany, sady bevata noho ty riaky.¹⁰Laha mandalo Ie ka le mampamantsy olo, laha mikaiky olo ho tsarà Ie, le ia ro afaky hanaka Azy? ¹¹Fa Ia mahay ty olo ro doso; lafa mahita heloky Ie, tsy ho hainy va zay?¹² Nefa ty olo adala tsy mana fatakara; ho azon-drozy zay lafa miteraky olo ty ampondra-li.¹³Nefa diniho fa nampipetsaky soa ty fonao iha sady fa nanatsotsa ty vatanao ho amin-Janahary; ¹⁴diniho hoean-tananao eo ty heloky, nefa bakeo le nihalavirinao lavitsy anao zay, sady tsy nanenga ty tsy fahamarina hipetsaky andainao eo iha.¹⁵Le hanondrotsy ty tarehinao tsy misy famantara henatsy vatany iha; eka vatany, tsy hiovaova iha sady tsy hatahotsy. ¹⁶Hanalino ty fahoriana iha; ho tiaronao manahaky ty rano ze nirotsaky avao zay.
¹⁷Hamiratsy noho ty amy ty mitataovovona ty fiainanao; na le nisy haiky aza, le ho avy manahaky ty maray zay.
¹⁸Ho voaaro iha safe misy fanantena; eka vatany, hahita fiarova momba anao iha sady hana fijanona ampilamina. ¹⁹Hiroro ampijanona koa iha, sady tsy misy olo hampatahotsy anao; eka vatany, lako ro hila sitsaky amina.²⁰Fa ho jiky ty maso ty olo raty fanahy; tsy hahita lala milaisa rey; ty hany fanantenan-drozy le ty fialan'ay farany."

Chapter 12

¹Le namaly Joba ka le nanao hozao: ²"Tsy hisalasala fa nareo ro olo; sady ho maty miaraky aminareo ty fahendrea. ³Fa mana fahazavan-tsay manahaky anareo koa zaho; sady tsy ambaninareo zaho. Eka vatany, ia ro tsy mahay ty raha manahaky zay?" ⁴Raha fiheheza ty raiky rindry amiko zaho---Zaho, ze nikaiky an-Janahary sady ze nivaliny! Zaho, lahilahy marina noho tsy misy tsiny ---nanjary raha fiheheza zaho amizao. ⁵Amy ty eritseritsy ty olo ze miada, le misy fanambania loza bevata; mieritseritsy ty amy ty fomba ze manday loza lako maré ho ahy ze solafaky ie. ⁶Tahiny ty lay malaso rey, sady mahatiaro milamy ze mampeloky an-Janahary rey; ty tanan-drozy avao ro njanaharin-drozy. ⁷Fa amy zao anontaneo biby-li rey, le hampianatsy anao ndrozy; anontaneo voro ty lanitsy rey, le hivola aminao ndrozy. ⁸Na miresaha amy ty tany, le hampianatsy anao zay; hanambara aminao fian-driaky rey. ⁹Biby ino amy iabiaby rey ro tsy mahay fa ty tana Yaveh ro nanao zao? ¹⁰An-tany eo ty ay ty raha-manan'ay iaby noho ty imbon'ay ty olombelo iaby. ¹¹Tsy ty sofy va ro mamantatsy ty safa manahaky ty lanilany manandrama ty tsiro ty hany? ¹²Amy ty anti-dahy ao ro misy ty fahendrea; amy ty halava ty andro ty fahazavan-tsay ao. ¹³Mana fahendrea noho hery Njanahary; mana torohevitsy noho fahazavan-tsay Ie. ¹⁴Ingo, mandrava Ie, sady tsy afaky hamboary ndraiky zay; laha managadra olo raiky Ie, le tsy hisy hanafaha. ¹⁵Ingo, laha mitanjaky rano rey Ie, ro ritsy rey; sady laha mandefa zay ambaliky any ie, le manafotsy ty tany rey. ¹⁶Aminy ao ty hery noho fahendrea; ty olo lako ze voafitaky noho ty mpamitaky le samby amy ty fahefany eo. ¹⁷Mangalaky voninahitsy ty mpanomen-tsay amy ty alahelo Ie; sady mampoly mpitsara rey ho adala Ie. ¹⁸Alany amy mpanjaka ty rojom-pahefa rey; nampisikiny siky ty valahany ndrozy. ¹⁹Mangalaky ty voninahitsy ty mpisoro amy ty alahelo Ie sady mandrava ty olo mahery. ²⁰Mangalaky ty lahantsafa ze nitokia rey Ie sady alàny amy olo-bevata rey ty fahazavan-tsay. ²¹Mandatsaky fanambania amy ty andrown-dahy Ie sady mamaha ty santira ty olo-matanjaky. ²²Manoro raha laliky baka amy ty haiky ao Ie sady manday ty aloky ze misy olo maty rey hiboaky ho amy ty fahazava. ²³Mampatanjaky firenea rey Ie, sady manorotoro androzy avao koa; mampiitatsy firenea rey Ie, sady mitariky manahaky ty voafonja rey avao koa Ie. ²⁴Mangalaky ty fahazavan-tsay amy mpitariky ty olo ty tany rey Ie; mahavy androzy hiriorio an'efitsy any ze tsy misy lala Ie. ²⁵Mitsapatsapa amy ty haiky tsy misy hazava ao ndrozy; sady mahafaty androzy manahaky ty olo mamamo Ie.

Chapter 13

¹Ingo, ty masoko fa nahita iaby zay; ty sofiko fa naharé ka le nahatakatsy zay. ²Ze hainareo, le haiko avao koa; tsy ambaninareo zaho. ³Nefa, aleoko miresaky amy azy Tsitoha iny; mitiry ty hifandahatsy amin-Janahary zaho. ⁴Fa fotinareo amy ty vandy ty marina; mpanafaky tsy misy lanjany iaby nareo. ⁵Eh, tanjaho ho ahinareo ty tsy fivolananareo! Ho fahendrenareo zay. ⁶Amy zao janjino ty fandaharako; janjino ty fangataha ty soniko. ⁷Hivola amy ty tsy fahamarina ho an-Janahary va nareo, sady moa hivola am-pitaky ho Azy? ⁸Tena hanoro hasoam-panahy aminy va nareo? Hialy am-pitsarà any vatany va nareo mba ho vavolombelon-Janahary? ⁹Mety aminareo vatany va laha mila anareo Ie? Afaky ty hamitaky Azy manahaky ty mety ho famitahanareo olo va nareo? ¹⁰Hananatsy anareo vatany Ie laha nampitolo fiangara mivony nareo. ¹¹Tsy hampatahotsy anareo va ty voninahiny? Tsy holavo aminareo va ty fatahora Azy? ¹²Ty safa fahatiarovanareo le ohabola vita amy ty lavenoky; sady ty safa fiarovinareo le fiarova vita amy ty tanimanga. ¹³Tanjaho any ty tsy fivolananareo, engao raiky zaho, mba hafahako mivola, enganie ho avyamiko ze hoavy. ¹⁴Ty hiko avao ro hanombotako ty nofotsiko; sady rambesoko ho an-tanako eo ty aiko. ¹⁵Ingo, laha mamono ahy Ie, le ho rava ty fanantenako; fa ndra zay aza, le hiaro ty lalako anilany eo zaho. ¹⁶Zao ro ho antony ty fialan-tsiniko, mba tsy handehanako anilany eo manahaky ty olo mpandratiaty. ¹⁷Njanahary ô, janjino soa ty safa alahatsiko; engaho ty fanambarako ho avy an-tsofinao eo. ¹⁸Ingo, amy zao, fa nalahatsiko soa ty fiarovam-batako; haiko fa tsy manan-tsiny zaho. ¹⁹Ze azy raiky ze hialy amiko amy ty fitsarà eo iny? Laha avy hanao zay Iha, ka le laha voaporofa fa diso zaho, le tsy hivola zaho ka le hanafofy ty aiko. ²⁰anahary ô, raha roe avao ro anovy amiko, le tsy hamony ty vatako amy ty tarehinao zaho: ²¹alao amiko ty tena-nampijaleanao, sady mba ka enga hampatahotsy ahy ty fampangorohoroanao. ²²Kaiho zaho, le hamaly zaho; na manenga ahy hivola aminao, le hamaly ahy Iha. ²³Firy ty hadisoako noho ty fahotako? Ampahaizo why ty heloky noho ty fahotako. ²⁴Nanino Iha romamony ty tarehinao amiko ka le manday ahy manahaky ty fahavalonao va Iha? ²⁵Hania ravin-kazo nandesin-tsioky va Iha? Hania akotsy maiky va Iha? ²⁶Fa manoratsy raha-mangily hanohitsy ahy Iha; hampandovanao ahy ty heloky ty fahatanorako. ²⁷Anovinao anay gadra vy ao avao koa ty tomboko; henteo anila ty lalako iaby; dinihinao avao koa ty tany ze nihitsaha ty lela-tomboky ²⁸na ro manahaky ty raha lo ze miharava aza zaho, manahaky ty siky lany ty kalalifa.

Chapter 14

¹Ty olo, ze naterakin'ampela, le misy andro tsy ampy avao sady atsiky fijalea. ²Mitimoky amy ty tany manahaky ty voninkazo ie sady voasazy; milay manahaky ty aloky ie sady tsy ho ela. ³Mba manenty an'i rey va Iha? Moa andesinao ho tsarà miaraky aminao zaho?⁴Ia ro afaky manday raha malio baka amy ty raha maloto? Tsy misy. ⁵Voafaritsy ty andro ty olo. Iha ro manapaky ty hisa ty vola iainany; iha ro nanondro ty farany ze tsy azony hanganiha. ⁶Miodiky aminy mba hijanonany, ka mba hoteany ty androny manahaky ty mpikarama laha afaky mano zay ie. ⁷Mety hisy fanantena ty hazo; lana voasazy zay, le mety hitimoky ndraiky, mba tsy horava ty tahotsy tanora. ⁸Ndra le miha-antitsy amy ty tany ao aza ty tahony, sady maty amy ty tany ao ty fotony, ⁹nefa na le maimbo rano avao aza zay, ke hitiry noho hisandraha manahaky ty raha-mitiry zay.¹⁰Fa maty ty olo; le nanjary malemy ie; eka vatany, mijano tsy miay ty olo, sady aia ie bakeo? ¹¹Manahaky ty fandravà ty rano amy ty farihy, noho manahaky ty fahareta ty renirano ka le maiky, ¹²le manahaky zay koa ro handrea ty olo sady tsy mifofoha sasy. Zisiky tsy mampisy ty lanitsy sasy, le tsy hifofoha na hitsanga amy ty torimasony ndrozy.¹³Iriko ty mba hamonianao ahy amy ty Fiainan-tsy hita lavitsy any ty fijalea, sady mba hitanjahanao ahy amy ty mivony ao zisiky hijanona ty helokinao, noho hanondroanao fotoa voatondro ho ahy hijanonako any sady mba hahatiarovanao ahy bakaeo! ¹⁴Laha maty ty volo raiky, moa mbo hiay ndraiky ie? Laha zay, le maniry ty handiny ty fotoam-pahavozahako iaby any zaho zisiky-hiavia ty fanafaha ahy.¹⁵Hikaiky Iha, le hamaly Anao zaho. Hanampanaria amy ty asa ty tananao Iha. ¹⁶Hanisaky noho hitahy ty liako Iha; tsy hitanjaky ty fahotako Iha. ¹⁷Ho voa tampô anay kitapo ao ty fandikan-dalà; sady hampisaro ty heloko Iha.¹⁸Fa ndra ty vohitsy aza lavo sady nanjary tsy nisy antony; ¹⁹ndra ty lafiam-bato aza voahozongozo amy ty toerany; lany ty rano ty vato; lasa ty riakiny ty lemboky ty tany. manahaky zay, ro hitoroanao ty fanantena ty olo.²⁰Mandresy azy mandrakariva Iha, sady lasa ie; ovao ty tarehy sady halefanao mba ho maty ie. ²¹Laha ameam-boninahitsy anakilahiny rey, le tsy hainy zay; sady laha hajotso ndrozy, le tsy hitany zay. ²²Ty faharary ty vatany manoka avao ro hainy, sady misaona ho ahy ty vatany avao ie.

Chapter 15

¹Le namaly Elifaza azy Temanita iny ka le nanao hozo: ²"Tokony hamaly amy ty fahaiza tsy misy dikany va ty olo-hendry raiky ka le hameno ty vatany amy ty tsioky baka antinana any? ³Tokony handahatsy amy ty safa tsy mahasoa va ie na amy ty lahantsafa ze tsy hanasoavany avao? ⁴Eka vatany, mampijotso voninahitsin-Janahary iha; nangalaky ty fanomezam-bata ho Azy iha, fa ⁵ty helokinao ro mampianatsy ty vavanao; mitingy ty hana ty lela ty olo-fetsy iha. ⁶Ty vavanao avao ro meloky anao, fa tsy ty ahy; ty soninao avao ro mahazo anao. ⁷Moa iha olo teraky velohany? Moa nanovy nisy taloha vohitsy rey vasa iha? Koa va fa naharé ty fahaiza mivonin-Janahary iha? ⁸Moa hajanonao amy ty vatanao avao ty fahendrea? ⁹Ino ro hainao ze tsy hainay? Ino ro takatsinao ze tsy aminay avao koa? ¹⁰Samby miaraky aminay foty volo noho lahilahy mahazohazo tao rey ze antitsy mandilatsy noho ty babanao. ¹¹Moa kelikely bibiky ho ahinao ty fampienenan-Janahary, le safa moramora aminao rey? ¹²Nanino ro manday anao hiodaky ty fonao? Nanino iha ro mpipi-maso, ¹³hondy ka le miodiky amin-Janahary ty fanahiko ka le mampiboaky safa manahaky zay baka amy ty vavanao? ¹⁴Ino moa ty olo ro tokony halio? Ino moa ze naterakin-ampela ro tokony ho marina? ¹⁵Ingo, Njanahary le tsy mampipetraky fatokisa na ro amy masiny rey aza; eka vatany, tsy malio tamasony eo ty lanitry; ¹⁶sandraky fa ty hakelikely ty fahaliovanao ze mampangaroharo no ho raty toera, lahilahy mino heloky manahaky ty rano! ¹⁷Hatoroko anao; mijanjina ahy; hanambara aminao raha ze hitako rey zaho, ¹⁸raha ze nambara ty olo-hendry baka amy babany rey, raha ze tsy mba navony ty razambeny rey. ¹⁹Rey ro razan-drozy, ze hany namea ty tany, sady ze tsy mba nandalova ty vahiny mihintsy. ²⁰Ty olo raty fanahy le mijaly am-paharary amy ty androny iaby, ze hisa ty tao napetsaky hijalea ty mpampijaly. ²¹Misy feo horohoro an-tsofiny eo; laha hotahia ie, le ho avy aminy ty mpandrava. ²²y mihevitsy ie fa himpoly baka amy ty haiky ao; mandiny azy ty meso-bevata. ²³Mandeha amy ty toera any isan-karazany any ie mba hila mofo, manao hozo: 'Aia zay?' Hainy fa mariny ty andro ty fahaiky. ²⁴Mampatahotsy azy ty fijalea noho ty fangirifiry; fa mandresy azy ndrozy, manahaky ty mpanjaka vonona-hialy. ²⁵Safe nanondro ty tanany hanohitsy an-Janahary ie sady nirengirengy nanohitsy azy itoha iny, ²⁶le milay mana amin-Janahary any amy ty fampaherezan-katoky lahilahy raty fanahy zay, miaraky amy ty fiaro matevy. ²⁷Marina zay, na le mamony ty tarehiny tany ty taviny noho namory tavy ho ahy ty valahany aza ie, ²⁸sady nipetsaky tany ty tanà lao ao; tany ty tsano ze tsy misy mipetsaky ao amy zao sady ze fa vonona ty ho nanovy korotam-bato. ²⁹Tsy hanan-kanana ie; tsy hiala ty hanany; na ty alokiny aza le tsy hoela an-tany eto. ³⁰Tsy hiboaky baka amy ty haiky ao ie; hisy afo handrava ty akotsiny; sady amy ty imbonay baka amy ty vavan-Janahary ro handehanany. ³¹Engao ie tsy hatoky raha tsy misy, ka le hamitaky ty vatany; fa ty raha-tsy misy ro ho valisoany. ³²Hitsanga wloha ty tokony hahavy ty fotoa hahafatesany zay; sady tsy ho maintso ty sampany. ³³Hampihintsy ty voa tsy matoeny manahaky ty voloboky ie; sady hampiraraky ty voany manahaky ty hazon'oliva. ³⁴Fa ty antoko ty mpandraturaty le ho momba; handrava ty lay ty kolikoliny ty afo. ³⁵Vaky noho torotorony sady heloky ro haterakiny; fitaky ro torotorony ty sarotson-drozy."

Chapter 16

¹Sady namaly i Joba ka le nivola nanao hozao: ²"Fa naharé raha manahaky zay lako zaho; mampieny ty mahaferinay iaby nareo. ³Mba hisy hafarany va safy tsy misy fotony rey? Ino ty raha mahazo anao ro le mamaly manahaky zao iha? ⁴Afaky mivola manahaky anareo avao koa zaho, raha nareo ro tany ty toerako teo; afaky mamory noho mampiharo safy zaho andesy hanohera anareo sady hampidoladola ty lohako aminareo amy ty eso. ⁵Eh, te-hampahery anareo amy ty vavako zaho! Hentao ty ho fanambania ty fampienena ty soniko ty alahelonareo! ⁶Laha mivola zaho, le tsy mihena ty alaheloko; laha tsy mivola koa zaho, atao akory ro hanampea ahy? ⁷Fa amy zao, Njanahary, le nivangoanao zaho; niravanao ty longoko iaby. ⁸Nanovinao maiky zaho, ze vavolombelo manohitsy ahy avao; nitsanga hahazo ahy ty fahia ty vatako, sady vavolombelo manohitsy ty tarehiko zay. ⁹Tanay heloky ro nampitroan-Janahary noho nanianany ahy; nihily vava tamiko Ie; le nanondro maso ahy ty fahavaloko laha mbo nandrava ahy Ie. ¹⁰Nisanasana vava tamiko ty olo; nitampifin-drozy tany ty fanomezan-tsiny ty fifiko; niara-nikobo hanohitsy ahy ndrozy. ¹¹Amean-Janahary amy ty olo mpandratiraty eo zaho, sady atorany an-tana ty olo raty fanahy eny. ¹²Nilamy zaho, le nitorony. Eka vatany, nirambesiny tany ty vozo zaho sady nakapany ho torotoro; nanoviny famantara ho kiriny avao koa zao. ¹³Miodidy ahy mpanoriky anaky-kititsiny rey; jilon-Janahary tsy hananany jaly ty voako; ararany amy ty tany ty aferoko. ¹⁴Vangoany zisiky any ty rindriko; milailay mamonjy ahy manahaky ty mpialy Ie. ¹⁵Nizarako tan-kolitsiko teo ty akanjo fisaona; fa nalentiko tany ty tany ao ty tsifako. ¹⁶Mena ty mitany ty tarehiko; amy ty holimasoko eo ty aloky ty fahafatesa ¹⁷na le tsy misy heriloha aza ty tanako, sady malio ty fivavahako. ¹⁸Tany e, mba ka rakofa ty lioko; Ao tsy hana toera hijanona ty fitaniako. ¹⁹Ndra amy zao aza, ingo, an-danitsy any ty vavolombeloko; amy ty abo any miantoky ahy. ²⁰Mikizaky ahy namako rey, nefa mampiotsaky ranomaso ho an-Janahary ty masoko. ²¹Mangataky vavolombelo an-danitsy any zay zaho mba hialy ho ahy lahilahy toy amin-Janahary eo manahaky ty anovy ty olo amy ty mpiaraky-kivelo aminy zaho! ²²Fa afaky tao kelikely, le ho amy ty toera raiky ze tsy himpoliako any sasy zaho.

Chapter 17

¹Rava ty fanahiko, tampitsy ty androko; fa vonoa ho ahy ty lolo. ²Azo antoky fa misy mpandrebi-
 reny amiko eto; tsy maintsy hanenty ty fijalean-drozy zisiky farany ty masoko. ³Manomeza antoky zao, ao ho antoky ho ahy iha
 miaraky amy ty vatanao; ia koa ro hanampy ahy eto? ⁴Fa Iha, Njanahary, nitandraky ty fon-drozy tsy ho amy ty
 fahazavan-tsay; laha zay, tsy hanandrama androzy ho anaboko Iha. ⁵Ie ze mahazo namany rey tamy ty valisoa; le
 ho jiky maso ty anany rey. ⁶Nefa nanoviny ho amby ty safany ty olo lako zaho; nandoran-drozy ty tarehiko. ⁷Jiky
 noho ty alahelo koa ty masoko; ty rantsam-batako iaby le mahia manahaky ty aloky. ⁸Olo mahity rey le ho mianky
 amy zay; ty olo tsy manan-tsiny handrisiky ty vatany hanohitsy olo mpandraturaty rey. ⁹Ty lahilahy marina le
 hipitiky amy ty lalany; ze mana tana malio le hitombo hery zisiky any. ¹⁰Nefa ho anareo iaby, miavia eto zao; tsy
 hahita olo hendry aminareo eo zaho. ¹¹Fa lasa ty androko; rava ty fikasako, sady manahaky zay koa faniria ty foko
 rey. ¹²Olo rey, mpandraturaty rey, le mamaliky ty haly ho andro; anila ty haly ty mazava. ¹³Safe manenty ty Fiainan-
 tsy hita manahaky ty tsanoko zaho; safe nampikodoba ty firoroako tamy ty haly ao zaho; ¹⁴safe nivola tamy ty
 lavaky zaho hozao: 'Babako iha' sady tamy ty soko hoe: 'Reniko na anabaviko iha', ¹⁵le aia sady zay ty
 fanantenako? Laha ty fanantenako, ia ro hahita zay? ¹⁶Hijotso miaraky amiko amy vavahady ty Fiainan-
 tsy hita any va ty fanantena rey lafa mijotso amy ty lemboky any tsika?"

Chapter 18

¹Bakeo Bilidada azy Sohita iny namaly sady nivola hozao: ²"Ombia ro hajanonao ty safanao? Diniho, sady afara zay le hivola zahay.³Nanino zahay ro dinihinao manahaky ty biby; nanino zahay ro nanjary adala amasonao eo?⁴Ino ze mampiravira ty vatanao amy ty helokinao, manahaky hahafoy ho anao va ty tany sa tokony halà amy ty toerany eo lafiàm-bato rey?⁵Eka vatany, ho vonoa ty hazava ty olo raty fanahy; tsy hamirapiratsy ty pitsik'afony.⁶Ho maiky ty fahazava an-dainy ao; sady ty jiro anabony eo le ho vonoa.⁷Hakelezy ty lia ty heriny; ty fikasany avao ro handrava azy. ⁸Fa hahery anay harato amy ty alala ty tombony avao ie; sady hilatsaky anay velara ty fandriky raiky ie.⁹Hisy fandriky hahazo azy amy ty kitso; sady hitandraky azy ty fandriky. ¹⁰Misy fandriky raiky mivony ho azy amy ty tany eo; sady fandriky raiky ho azy amy ty lala eo. ¹¹Hampatahotsy azy ty fangorohoroa amy ty sisiny iaby; hania azy amy ty kitsony ndrozy.¹²Hivaliky hanohana ty hananany, sady ho vonoa anilany eo ty loza. ¹³Ty ratsanm-batany ro ho voarapaky; eka vatany, ty velohan-teraky ty fahafatesa ro handrapaky ty rantsany. ¹⁴Voaviravira tsy ho amy ty fiarova ty lainy ie sady hiboaky mana amy azy mpanjaka ty horohoro iny any. ¹⁵Ty olo ze tsy azy le hipetsaky an-dainy ao afara ty hahitan-drozy fa niparitaky tan-tsanony ao ty solifara.¹⁶Ho maiky baka ambany any ty fotony; sady anabo eo ro hanapaha sampany rey. ¹⁷Ho rava an-tany eto ty fahatiarova azy; Tsy hana anara an-dala eny ie.¹⁸Handesy baka amy ty mazava ho amy ty haiky any ie sady ho voaroaky amy tany iaby toy eto. ¹⁹Tsy hana anaky na zafy amy ty olony eo ie, na hana sisa tavela amy anaky farany manolo ze nijanonany rey.²⁰Ze mipetsaky andrefa any rey hiforitsy nofotsy amy ze hahazo azy ndraik'andro any; sady ze mipetsaky antinana any rey le ho hatahotsy amy zay.²¹Azo antoky fa manahaky zay ty tsano ty olo tsy marina, le ty toera ze tsy mahay an-Janahary rey."

Chapter 19

¹Le namaly Joba nanao hozao: ²"Hangirifiry ro hampijaleanareo ahy noho hitorotoronareo ahy amy ty safa?"³Tamy zay nandatsahanareo ahy impolo; tsy mba menatsy nampijaly ahy nareo. ⁴Laha tena marina vatany fa nitahy zaho, le hijano ho ahy raiky ty hadisoako. ⁵Laha hanondrotsy ty vatanareo ho anaboko vatany nareo sady hampiasa ty fanalam-barakako hanohitsy ahy, ⁶le vatany ho hainareo fa Njanahary fa nanao ty tsy nety tamiko sady nahatsatsy ahy tamy ty haratony. ⁷Ingo, mitoreo zaho hozao: "Heriloha!" nefa tsy mahazo valiny zaho. Nikaiky hazolava maré zaho, fe tsy nahazo rariny. ⁸Nasiany rindry ty lalako mba tsy hafahako mandeha, sady nampipetsaky ty haiky tamy ty lalako eo Ie. ⁹Nalany tamiko ty voninahitsiko, sady fa nangalaky ty satso-boninahitsiko tamy ty lohako Ie. ¹⁰Fa nampitro ahy tamy ty zorony iaby Ie, le lasa zaho, nombotany manahaky ty hazo ty fanantenako. ¹¹Nampirehetiny tamiko avao koa ty helokiny; rambesiny manahaky ty raiky amy fahavalony rey zaho. ¹²Miaraky avy takiny rey; mampitsanga bongon-tany hanafiha ahy ndrozy ka le mipetsaky miodidy ty laiko. ¹³Nangalaky rahalahiko lavitsy ahy rey Ie; nisalasala tamiko tanteraky olo-haiko rey. ¹⁴Nahafoy ahy longoko rey; fa nanalino ahy namako mariny rey. ¹⁵Ze nijanona rey mba ho vahiny tan-tsanoko fa ela noho mpiasa ampelako rey le mandramby ahy manahaky ty tsy olo-hay; vahiny zaho amason-drozy eo. ¹⁶Mikaiky ty mpiasako zaho, nefa tsy namaly ahy ie ndra le mangataky azy amy ty vavako aza zaho. ¹⁷Mampeloky ty valiko ty imbonaiko; mampangoritsy ze nateraky ty sarotso ty reniko mihintsy rey aza zaho. ¹⁸Ndra aja rey aza manao tsinotsino ahy; laha mitsanga hivola zaho, le mivola manohitsy ahy ndrozy. ¹⁹Namako nahazatsy iaby rey le tsy tea ahy; nivaliky tamiko ze teako rey. ²⁰Mipitiky amy ty holitsiko noho ty nofotsiko ty taolako; Ty hany ivelomako le amy ty holitsy ty hiko. ²¹Mana famalozam-po amiko, mana famalozam-po amiko, namako rey, safe ty tanan-Janahary ro fa nikasiky ahy. ²²Nanino nareo ro mania ahy manahaky ty hoe nareo ro Njanahary? Nanino ro tsy afa-po amy ty fandrava ty nofotsiko nareo? ²³Eh, enganie ka le ho voasoratsy ty safako amy zao! Eh, enganie ka le ho voasoratsy anay boky reny ao! ²⁴Eh, enganie ka le ho voasokitsy amy ty sitilô vy noho firaky amy ty lafiam-bato eo mandrakizay reny! ²⁵Nefa laha ty amiko, haiko fa velo ty Mpanavotsy ahy, sady amy farany any ro hitsangana amy ty tany eo Ie; ²⁶afara zay ty holitsiko, zay hoe, kesiky toy, le toro, sady amy ty nofotsiko ao ro hahitako an-Janahary. ²⁷Hahita Azy amy ty masoko mihintsy zaho---Zaho, fa tsy olo-hafa. Fa vozaky-mandiny zay ty foko anaiko ato. ²⁸Laha hoasa nareo hozao: 'Nanino ro hanianan-tsika azy! Ty fototsy fajaleany rey le aminy ao,' ²⁹sady matahora ty meso bevata, safe ty heloky ro hahavy sazy amy ty meso bevata, mba hahaizanareo fa misy ty fitsará."

Chapter 20

¹Le namaly i Zofara azy Namatita iny sady nivola hozao: ²"Eritseritsiko rey ro mahavy ahy hamaly malaky noho ty fatahora ze anaiko ao. ³Maharé safa mahery ze mangala-baraka ahy zaho, fe misy fanahy baka amy ty fahazavan-tsany mamaly ahy. ⁴Tsy hainao va raha-misy zao zisiky amy ty andro taloha, lana nampipetsaky ty olombelo tan-tany teto Njanahary: ⁵ty fandrese ty olo raty fanahy ro bory, sady ty hafalea ty mpandraturaty ro ela fotoa bory avao? ⁶Ndra ro mahatakatsy ty lanitsy aza ty haabony, sady mangalaky ty raho ty lohany ⁷le mbo ho velo manahaky ty lotony ty olo manahaky zay; ze nahita azy ro hivola hozao: 'Aia ie?' ⁸Hitily manahaky ty nofy ie sady tsy ho hita; ho hohany manahaky ty fahita amy ty haly ie. ⁹Ty maso ze nahita azy le tsy hahita azy sasy; tygh9erany ro tsy hahita azy sasy. ¹⁰Hiala tsiny amy ty olo mijaly anany rey; tsy maintsy hampimpoly ty hanana azony ty tanany. ¹¹Taolany rey le atsiky ty fanaky ty hatanora, fe hiroro miarakany aminy anay lemboky zay. ¹²Ndra le mamany am-bavany so aza ty haratia, na le mamony zay ambany ty lelany wo aza ie, ¹³ndra le mitanjaky zay ao sady tsy manenga handeha fa mbo mitanjaky zay soa am-bavany ao avao aza ie--- ¹⁴le mivaliky mangily ty hany anay tinainy ao; zaro poizy baka amy ty bibilava anainy ao zay. ¹⁵Mitely hanana ie, fe handoa zay ndraiky; haboakin-Janahary baka amy ty sarotsony ao zay. ¹⁶Hamboatsy poizy ty bibilava ie; hamonoazy ty lela ty menara. ¹⁷Tsy hotea renirano rey, risky ty tantely noho ero-dronono rey ie. ¹⁸Hampimpoly ty vokatsy ze nivozahany ie sady tsy afaky ty hinana zay; tsy afaky ty hotea ty hanana azony tany ty varotsiny ie. ¹⁹Safe ie nampijaly noho nonao tsinotsino ty olo mijaly; nangalaky an-keriny tsano ze tsy naoriny rey ie. ²⁰Safe ie tsy nahay fahafaham-po tany ty vatany, le tsy afaky ty hahasarombaky ty raha-iaby ze nangalany fahafinareta ie. ²¹Tsy misy ze tavela ka le tsy naharava; laha zay le misy farany avao ty fitahiany. ²²Hilatsaky anay fijalea amy ty halakoa ty hananany ie; ty tana ty kirai-draiky ze anay fijalea ao ro ho avy hanohitsy azy. ²³Lafa hanatsiky ty sorotsony ie, le hatorakin-Janahary aminy ty siaky ty helokiny; handritsaky zay aminy eo Njanahary lafa am-pihinana eo ie. ²⁴Ndra le hitsoaky ty kobay fialia vy aza lahilahy zay, le hahavao azy ty kititsy saba. ²⁵Hitomboky baka andabosiny ao ty lefo sady ho tafaboaky; sady hiboaky baka amy ty atiny ao vatany ty tsifany manjelanjelatsy; ho avy aminy eo ty horohoro. ²⁶Im-bola tanteraky ro mandiny ty hananany; sady afo tsy nitsiofy ro handoro azy; handrava ze sia tavela anay ty lainy ao zay. ²⁷Hanambara ty helokiny ty lanitsy, sady hitsanga vavolombelo hanohitsy azy ty tany. ²⁸Hiparitaky ty hanana an-tsanony ao; hirotsaky hiala aminy amy ty andro ty helokin-Janahary hananany rey. ²⁹Zay ro anjara ty olo raty fanahy baka amin-Janahary, ty lova voatoka ho azy baka amin-Janahary."

Chapter 21

¹Sady namaly Joba ka le nivola hozao: ²"Janjino soa safako rey, sady engao ho fankahereza ameanareo ahy zay. ³Mahareta amiko, fa hivola avao koa zaho; afara ty hivolanako, le mikizaha zisiky any. ⁴Laha ty amiko, amy tybolo raiky va ty fitoreoko? Nanino zaho ro tsy tokony tsy hanam-pahareta? ⁵Hentao zaho sady ao ho hita, sady apetsaho amy ty vavanareo eo ty tananareo. ⁶Lafa misaintsay fijaliako rey zaho, le mangorohoro, sady velo-holitsy ty vatako. ⁷Nanino ty olo raty fanahy ro mbo miay, tsatsy antitsy, sady mitombo hery amy ty fahefa? ⁸Mipetsaky miaraky aminy amason-drozy eo ty tarihany rey, sady anany rey ro mipetsaky amason-drozy rey eo. ⁹Ty tsanon-drozy ro lavitsy ty tahotsy; sady tsy amin-drozy eo ty kapoakin-Janahary. ¹⁰Mampanaraky ty aombilahiny ndrozy; sady le mahavano; ty aomby vavin-drozy ro miteraky sady tsy mamototsy ty anany tsy avy vola. ¹¹Mamoaky ajany manahaky ty andro noho ain-drozy rey, sady misindraky anany rey. ¹²Mihira amy ty apongatapaky noho lokanga ndrozy sady mifaly miaraky amy ty teon-tsodina. ¹³Miay ty androny amy ty fitahia ndrozy, sady mijotso moramora ho amy ty Fiainan-tsy hita any. ¹⁴Hoasan-drozy amin-Janahary hozao: 'Mialà aminay fa tsy maniry ty hahay ty lalanao zahay. ¹⁵Ino moa Tsitoha iny, ro tokony hanompo Azy zahay? Ino ro tombotsoa Azonay laha mivavaky aminy zahay?' ¹⁶Ingo, moa va tsy an-tanan-drozy eo avao ty fitahindrozy rey? Tsy misy hidareako ty toro-hevitsy ty olo raty fanahy. ¹⁷Impiry ro maty ty jiro ty olo raty fanahy, na avy aminy eo ty lozan-drozy rey? Impiry ro mizara alahelo amin-drozy amy ty helokiny Njanahary? ¹⁸Impiry ndrozy ro avy manahaky ty akotsy tsiofy ty tsioky na manahaky ty lila andesin-tsioky? ¹⁹Hoasa nareo hoe: 'Njanahary minajary ty helokiny mba honera anany rey.' Engao ty vatany avao ro hanonitsy zay, mba hahaizany ty helokiny. ²⁰Engao ty masony hahita ty faharavany, sady engao ie hino ty heloky azy Tsitoha iny. ²¹Safe ino ro hirarahiany ty momba tarihany rey misolo azy lafa tapaky ty hisa volany rey? ²²Moa va misy olo afaky mampianatsy fahaiza an-Janahary safe na le ze anabo rey aza le le ro mitsara? ²³Ty olo raiky ro maty anay ty heriny atsiky ao, Tony tanteraky sady miada. ²⁴Atsiky ronono ty vatany, sady ty tsoka ty taolany ro mando noho salama soa. ²⁵Misy olo raiky hafa maty anay ty fangilia ty fanahy ao, olo ze tsy mbo niay raha soa. ²⁶Samby miroro anay lemboky ndrozy; sady mandrakotsy ty vatan-drozy soko rey. ²⁷Ingo, haiko ty eritseritsinareo, noho fomba ze irinareo rey mba handisoa ahy. ²⁸Fa hoy nareoa hozao: 'Aia zao ty tsano ty pamaraky? Aia ty lay ze nipetsaha ty raty fanahy taloha?' ²⁹Tsy mbo nanontany ty olo mpandeha lavitsy mihintsy va nareo? Tsy hainareo va ty porofo azon-drozy volany, ³⁰fa voaaro amy ty andro ty loza raty fanahy rey, sady havio lavitsy ty andro ty heloky ie? ³¹Ia ro heloky ty fomba ty raty fanahy anilany eo? Ia ro hanonitsy azy amy ty raha vitany? ³²Nefa mbo ho lanja ho an-dolo any ie; olo rey le hiemby ty lolony. ³³Ho mamy aminy ty bongam-baibo; hanaraky azy baka afara ao ty olo iaby, manahaky ty nandehana olo lako rey tsy voaisaky talohany teo. ³⁴Nanino sady nareo ro mampieny ahy amy ty raha tsy misy dikany, safe amy valin-tsafanareo rey ao ro tsy misy lafa-tsy vandy avao?"

Chapter 22

¹Le namaly Elifaza Temanita iny ka le nivola hozao: ²"Mety ilan-Njanahary va ty olo? Mety ilany va ty lahilahy hendry? ³Moa va fahafinareta ho ahy Tsitoha iny laha marina iha? Moa va tombony ho Azy laha manao ty lalanao ho tsy misy tsiny iha? ⁴Moa va ty fanoroanao fanaja Azy ro hanasaziany anao noho handaisany anao amy ty fitsarà? ⁵Moa va tsy bevata ty haratianao? Tsy misy farany va helokinao rey? ⁶Fa nangataky antoky tamy ty fitsosa jala ty rahalahinao tamy ty tsy misy dikany iha, sady fa nanendaky fisikina tamy ze nitanjaky iha. ⁷Tsy nanome rano hinomy ty olo vozaky iha; namony mofo tsy ho ahy ty olo mosary iha, ⁸na le olo mahery aza iha, ze nana ty tany, na le olo manam-boninahitsy aza iha, ze nipetsaky tamy zay ao. ⁹Nalefanao maiky ty mpandai-vata; sady ty tana kamboty rey le nitapahy. ¹⁰Laha zay, misy fandriky ty miodidy anao iaby, sady ty fatahora tampoky ro mampijaly anao. ¹¹Misy ty haiky, mba tsy hahitanao; sady ty rano be mandrakotsy anao. ¹²Moa va Njanahary tsy amy ty hahabo ty lanitsy any? Hentao ty hahabo ty basia rey, hentao ty hahabon-drozy! ¹³Sady hoy iha hozao: 'Ino ro hain-Janahary? Mety hitsara amy ty alala ty haikim-pito va Ie? ¹⁴Ty raho matevy ro firakofany, mba tsy hahitany antsika; mandeha amy ty andohalambo eny ty lanitsy Ie.' ¹⁵Hiemby ty lala taloha ze nandehana ty olo raty fanahy va iha--- ze nala taloha ty fotoany rey, ¹⁶ze voafaoky manahaky ty renirano rey ty fototsin-drozy rey, ¹⁷ze nivola tamin-Janahary rey ho zao: 'Mialà aminay'; ze nivola hozao rey: 'Ino ro azo ty Tsitoha anovy aminay?' ¹⁸Nefa mbo nanatsiky ty tsanon-drozy tamy ty raha-soa Ie; ty tetiky raty fanahy rey le lavitsy ahy. ¹⁹Ty olo-marina mahita ty anjarany ka le faly; ty olo tsy manan-tsiny mihehy androzy mba handatsa azy. ²⁰Hoasa ndrozy hozao: 'Azo antoky fa nitapahy ze nitsanga nanohitsy antsika rey; nandrava ty fananany ty afo.' ²¹Ka le amy zao, manenky an-Janahary sady milongoa aminy; amy fomba zay, ro hiavia ty soa aminao. ²²Mangataky aminao zaho, mandrambesa fampianara baka amy ty soniny; hajarao am-ponao ao ty safany. ²³Laha mimpoly amy ty Tsitoha iha, le hivory laha mampipetsaky ty tsy fahamarinanao lavitsy ty lainao iha. ²⁴Ampandrea amy ty lemboky eo ty hanananao, ty volamena Ofira amy ty vato ty lohan-driaky eo, ²⁵sady ty Tsitoha ro ho hanananao, volafoty sarotsy ho ahy nao. ²⁶Fa amy zay ro hifalifaly amy azy Tsitoha iny iha; hanondrotsy ty tarehinao amin-Janahary iha. ²⁷Hivavaky aminy iha, le hijanjy anao Ie; handoa voadinao rey aminy iha. ²⁸Hibeko ty raha iaby koa 8ha, sady le ho hampaherezy ho ahy nao zay; hamirapiratsy amy ty lalanao ty fahazava. ²⁹Njanahary le mampieny ty olo mirengirengy, sady mamonjy ty olo mampijotso ty masony. ³⁰Hanafaky Ie ndra le ty olo manan-tsiny aza; ze ho vonje amy ty faliova ty vatanao eo."

Chapter 23

¹Bakeo Joba namaly ka le nanao hozao: ²"Ndra androany aza le mangily ty fitorevako; ty tanako le mavesatsy noho ty fitorevako. ³vasa, lana mba hainko ze mety hahitako Azy! Eh, mba hahaviako amy ty toerany eo!

⁴Handahatsy ty aliko alohany eo zaho sady hanatsiky ty vavako amy ty fandresen-dahatsy. ⁵Hianatsy safa rey ze hamaliany ahy zaho sady hahazo ze volaniny amiko. ⁶Hialy hevitsy hanohitsy ahy amy ty habevata ty fahefany va le? Aha, hijanjy ahy le. ⁷Any ro hialy hevitsy Amy ty olo mahity. Amy fomba zay ro hanafaha ty mpitsarako ahy maliolio mandrakizay. ⁸Ingo, mandeha manantinana zaho, fa tsy any le, sady manandrefa, nefa tsy mety mahita Azy zaho. ⁹Ty avaratsy any, ze iasany, nefa tsy afaky mahita Azy zaho, sady ty antimo any, ze amoniany ty vatany mba tsy hafahako mahita Azy. ¹⁰Nefa mahay ty lala ze ombako le; lafa nanasazy ahy le, le hiboaky manahaky ty volamena zaho. ¹¹Nipitiky tamy ty liany ty tombony; nipitiky tamy ty lalany zaho sady tsy nivio. ¹²Tsy niala tamy lily ty soniny zaho; ty safa ty vavany ro napitiko tam-poko ato mandilatsy noho ty anjara hainko. ¹³Fa tsy manam-paharoe le, ia ro afaky hampivio Azy ndraiky? Ze iriny ro anoviny. ¹⁴Fa tanterahany hanohitsy ahy lalány rey; misy lako manahaky rey. ¹⁵Laha zay, mihirohorohoro zaho amy ty fanatrehany eo; lafa mieritseritsy ty momba Azy zaho, le matahotsy Azy. ¹⁶Safe fa nanovin-Janahary malemy ty foko; nampihorohoro ahy Tsitoha iny. ¹⁷Tsy nitapery tamy ty haiky zaho, noho ty faiky kitso ze manaro ty haiky-pito ty tarehiko.

Chapter 24

¹Nanino ty fotoa fitsara raty fanahy rey ro tsy nanovy azy Tsitoha iny? Nanino ze matoky an-Janahary rey ro tsy mahita ty fiavia ty andro ty fitsarany? ²Misy olo raty fanahy ze mangalaky ty famantara ty sisin-tany; misy olo raty fanahy ze mangalaky an-kery ty hamaron'aondry noho aosy ka le mampipetsaky amy ty valan-drozy manoka rey. ³Mandroaky ty boriky ze kamboty baba rey ndrozy; mangalaky ty aomby ty mpanday vata ho fiarova androzy. ⁴Manery olo ory rey hiala amy ty lalany ndrozy; olo mijaly ty tany rey le mivony androzy iaby. ⁵Ingo, olo mijaly rey ro miboaky miasa manahaky ty boriky amy ty tany hay any, mila hany maré; tsy noho mba hanome androzy hany ho ahy ty anan-drozy avao i Araba. ⁶Ty olo mijaly le miaritsy amy ty baibo ty olo hafa any amy ty haly; mitimpo ty voloboky baka amy ty vokatsy olo raty fanahy rey ndrozy. ⁷Miroro mitanjaky tsy misy fisikina ndrozy ty haly iaby; tsy mana fisafora ndrozy amy ty nintsy. ⁸Kontsa ty erikeriky ty vohitsy ndrozy; sady miroro anila vato bevata rey safe tsy mana fialofa. ⁹Misy raty fanahy maharary rey kamboty an-tsatsan-dreniny rey, sady olo raty fanahy ze mangalaky rey aza ho fiarova amy ty olo mijaly. ¹⁰Fa olo mijaly rey ro mandehandeha mitanjaky tsy misiky; ndra le mandeha mosary aza ndrozy, le milanja ty amboaram-bary hafa. ¹¹olo mijaly rey le manao solo-bonio anay rindry rey ao raty fanahy rey; manitsakitsaky amy ty famiaza ty divay raty fanahy rey ndrozy, fa ty vatan-drozy ro mijaly ty hetaheta. ¹²Sempotsy ty olo amy ty taná ao, mihoaky mare ty olo naratsy, safe tsy miraharaha ty vavakin-drozy Njanahary. ¹³Ty ilany tany olo raty fanahy rey le miharo hanohitsy ty hazava; sady tsy hain-drozy ty lalany, ro mijano amy ty lalany ndrozy. ¹⁴Aloha ty andro mazava ro mitsanga mpamono olo iny ka le mamono ty mijaly noho ty olo ory; manahaky ty mpangalatsy ie amy ty haly. ¹⁵Mandiny takariva avao koa ty maso mpaheriloha rey; hoy ie hozao: 'Tsy hisy maso hahita ahy.' Manaro ty tarehiny ie. ¹⁶Amy ty haiky ao ro hisava ty olo raty fanahy ty tsano ; fa ndrozy ro mampilamy ty vatandrozy amy ty andro; tsy miraharaha ty hazava ndrozy. ¹⁷Amin-drozy iaby, ty haikim-pito le manahaky ty maray; safe ndrozy le nama ty fangorohoroa ty haikim-pito. ¹⁸Ndra zay aza nefa le ho rava malaky ndrozy, manahaky ty lomotsy mihafo anabo rano eny; ty anjaran-tanin-drozy le voaozo; tsy misy olo handeha hiasa amy ty tanim-bolobokin-drozy eny. ¹⁹Manahaky ty nampitsanahy ty hain-tany noho ty hafana ty havandra ho rano, ro hangala ty Fiaina-tsy hita ze nanota rey. ²⁰Ty sarotso ze nanday azy le hanalino azy; ty soko ro hihina azy an-kamamia; tsy ho tiaro sasy ie; amy fomba zay, ro hanatoro ty haratia manahaky ty hazo. ²¹Ty raty fanahy le handrapaky ty ampela kanda ze tsy niteraky-aja; tsy manisysy soa amy ty mpanday vata ie. ²²Nefa Njanahary mbo mitariky ty olo mahery amy ty alala ty heriny avao; mitsanga le sady tsy mampatanjaky androzy amy ty fiaina. ²³Njanahary le manenga androzy hihevitsy fa miemby ndrozy, sady faly ty amy zay ndrozy, fe ty masony le amy ty lalany eny. ²⁴Asondroto olo rey; nefa, anay ty fotoa tsy ampy ao avao, le hanjary ndrozy; eka vatany, hazotso ndrozy; havoriny manahaky ty faha iaby ndrozy; ²⁵Laha tsy zay, ia ro afaky hanamarina ahy ho mpavandy; ia ro afaky hanao tsinotsino ty vatako?

Chapter 25

¹Sady Bildada Sohita iny namaly ka le nivola hozao: ²"Aminy ao ty fanapaha noho ty tahotsy; mandamy amy ty toera abo any an-danitsy any le. ³Misy fijanonany va ty hisaky tafiky rey? Amin'ia ro tsy hamirapirata ty fahazavany?⁴Nanino moa ro hahamarina ty olo amin-Janahary eo? Nanino ro hampalio ze naterakin'ampela, ho azo enkea aminy ao? ⁵Ingo, fa ndra le ty vola aza tsy amamiratsy aminy; tsy malio masonry eo ty basia. ⁶Sandraky fa ty olo, ze soko---ze anak'aomby, ze solo!"

Chapter 26

¹Sady namaly Joba ka le nanao hozao: ²"Hentao ty fanampeanao raiky ze tsy manan-kery iny! Hentao ty namonjeanao ty sadry ze tsy nana tanjaky! ³Hentao ty nanoroanao hevitsy ty olo ze tsy manam-pahendrea noho ty nanambaranao fahaiza soa taminy! ⁴Tamy ty fanampean'ia ro nivolananao safy reny? Fanahin'ia ro niboaky baka aminao? ⁵Zaro mangovitsy ty maty, le reo ze ambany rano any noho ze iaby mipetsaky amy zay rey ao. ⁶Mitanjaky anilan-Janahary eo ty Fianan-tsy hits; ty fandrava mihintsy ro tsy misy fanarona aminy. ⁷Mamelatsy ty lanitsy avaratsy eny amy ty toera babangoa Ie, sady mampihanto ty tany amy ty tsy misy eo. ⁸Mampiharo ty rano amy ty rahony matevy ao Ie, fe tsy midriatsy ambany ty raho ao zay. ⁹Manaro ty vola ie sady mampiparitaky ty raho amy zay eo. ¹⁰Nisokitsy faritsy boribory tanabo rano eo ho farany amy ty mazava eo noho ty haliky Ie. ¹¹Mangitikitiky ty andry ty lanitsy sady taitsy tany ty fivolanany maré. ¹²Nampieny ty riaky tany ty heriny Ie; tany ty fahazavan-tsany ro nampahalavo an-dRahaba. ¹³Tamy ty imbonainy ro nampisavany ty lanitsy; ty tanany ro nanindroe ty mandra tampilaisa teo. ¹⁴Ingo, sombiny amy ty lalany avao zay; hentao ty hamoramora ty bisibisiky rentsika baka aminy! Ia ro afaky mahatakatsy ty hotsoky ty heriny?"

Chapter 27

¹Le nanohy niresaky ndraiky Joba ka le nanao hozao: ²"Laha mbo velo vatany Njanahary, ze nangalaky ty rariny ho ahy, Tsitoha iny, ze nampangily ty fiainako, ³laha mbo amiko ato ty aiko, sady ambavanoroko eo ty imbon'aiko baka amin-Janahary, le zao ro ho anoviko. ⁴Tsy hivola haratia ty soniko, na hivola fitaky ty lelako; ⁵tsy hanenky mihintsy zaho hoe marina nareo telo; zisiky mandra-pahafatiko le tsy handà ty fahitiako mihintsy zaho. ⁶Tandrahako maré ty fahamarinako sady tsy hengako handeha; tsy handatsa ahy mihintsy ty eritseriko laha mbo velo zaho. ⁷Engaho ty fahavaloko hanahaky ty olo raty fanahy; engaho ze mitsanga hanohitsy ahy hanahaky ty olo tsy marina. ⁸Fa ino ro fanantena ty mpandratriaty lafa haravan-drozy ie, lafa Alan-Janahary ty ainy? ⁹Moa ho ren-Janahary ty fitorevany lafa avy aminy ty fahoria? ¹⁰Moa hampifalifaly ty vatany amy azy Tsitoha iny ie sady hikaiky an-Janahary amy ty fotoa iaby? ¹¹Hampianatsy anareo mikasiky ty tanan-Janahary zaho; sady tsy hamony ty eritseritsy azy Tsitoha iny zaho. ¹²Ingo, nareo iaby mihintsy ro nahita toy; ka le nanino sady nareo ro nivola raha zao tsy misy dikany iaby? ¹³Zao ro anjara ty olo raty fanahy amin-Janahary, ty lova ty mampijaly ze rambesiny baka amy azy Tsitoha iny: ¹⁴Laha mihalako ty anany, le ho ahy ty meso bevata zay; tsy ho ampy hany mihintsy ty tarihany. ¹⁵Ze sisa velo amy zay rey le halevy ty arety mandrava, sady ty valy nengan-drozy tsy mba mitany androzy. ¹⁶Ndra le mamory volafoty manahaky ty lemboky aza ty olo raty fanahy, sady mamory fisikina manahaky ty tanimanga, ¹⁷le mety hamory fisikina avao ie, fa ty olo marina ro hisiky zay, sady ty olo tsy manantsiny hizara ty volafoty amin-drozy eo. ¹⁸Mananga ty tsanony manahaky ty kalalifa ie, manahaky ty tsano boka ze anovy ty mpiemby. ¹⁹Miroro ampandrea ao amy ty fananan-kana ie, fe tsy hijano amy zay ie; mamoha ty masony ie, sady lasa ty raha iaby. ²⁰mampilavo azy manahaky ty rano ty horohoro; mangalaky azy amy ty haly ty talio. ²¹Andesy ty tsioky baka antinana any ie, sady lasa; mamafa azy tsy ho amy ty toerany eo zay. ²²mampahery ty vatany aminy any zay sady tsy mijano; miezaky ty milay miala ty tanany ie. ²³Mitehaky azy amy ty fikizaha zay; mandrisiky azy hiala amy ty toerany zay.

Chapter 28

¹Azo antoky fa misy toeram-piasa volafoty, toera ze fanaliovan-drozy volamena. ²Ty vy ro nalà baka amy ty tany; ty saba ro mitsanaky miala baka amy ty vato. ³Mampisava ty haiky ty olo ka le mila, zisiky amy ty farany lavitsy bibiky any, ty vato anay haiky any noho haikin-kotsoky. ⁴Mihaly lavaky lavitsy ty toera hipetsaha ty olo ie, toera ze fa nihalino ty olo. Mihanto lavitsy ty olo Ie; mitily etoy noho eroa ie. ⁵Laha ty amy ty tany, ze iboaha ty mofo, le mivaliky ambany ao manahaky ty tany ty alala ty afo zay. ⁶Ty vato zay ro toera ahita safira rey, sady ty vovony le misy volamena. ⁷Tsy misy voro mpihaza mahay ty lalany mandeha ao, na ty maso ty voro mahery ka le mahita zay. ⁸Tsy nisy biby-li matanjaky ka le nandia ty lala manahaky zay, na liona masiaky ka le nandalo teo. ⁹Ty olo ro mampipetsaky ty tanany anabo vato hara eo; avalikiny zisiky amy ty fotony eo ty vohitsy. ¹⁰Manapaky fantso amy lafiam-bato eo ie; mahita ty raha-sarotsy ty iaby ty masony ao. ¹¹mitanjaky riaky mba tsy hirotsaky ie; ze mivony amy zay ao le haboakiny ho amy ty mazava. ¹²Aia ro hahita ty fahendrea? Aia ty toera le ty fazavan-tsay? ¹³Ty olo le tsy mahay ty viliny; sady tsy hita amy ty tany eo ty velo zay. ¹⁴Ty rano laliky ambany tany manao hozao: 'Tsy amiko ato zay; ty riaky manao hozao: 'Tsy amiko ato zay.' ¹⁵Tsy azom-bolamena zay; na ty volafoty aza tsy azo lanjà ho viliny. ¹⁶Tsy mahazo azy ty volamena Ofira, mbamy ty beryla sarotsy na safira. ¹⁷Ty volamena noho ty vato krystaly ro tsy azo ampitovizy amy ty lanjany; sady tsy afaky takalo amy ty firavaha ty volamena voalio zay. ¹⁸Tsy ho volany avao ty lanja tyvharan-driaky na ty jaspy; eka vatany, ty vily ty fahendrea le mandilatsy noho ty ruby. ¹⁹Ty topaza Etiopia ro tsy mampitovy aminy; na ty tena volame aza tsy afaky alà amy zay. ²⁰Ka le baka aia moa, ro iavia ty fahendrea? ²¹Aia ro toera ty fahazavan-tsay? Ty fahendrea ro mivony amy ty maso ty raha manan'ay iaby sady avony any voro ty lanitsy rey. ²²Ty Faharava noho Fahafatesa ro mivola hozao: 'Tsaho avao ro re ty sofinay amy zay.' ²³Njanahary mahay ty lala mandeha any; hainy ty toera zay. ²⁴Safe Ie manenty zisiky amy ty faran-tany any sady mahita ty ambany ty lanitsy iaby. ²⁵Nanao ty hery ty tsioky Ie sady nanoritsy ty rano manahaky ty metatsiny. ²⁶Nanao lily ho ahy ty ora Ie sady lala ho ahy ty helatsy ty hotsok'ora. ²⁷Le nahita ty fahendrea Ie ka le nanambara zay; nampipetsaky zay Ie, eka vatany, maliniky zay Ie. ²⁸Hoy Ie tany ty olo hozao: 'Ingo, ty fatahora ty Tompo---zay ro fahendrea; ty fiala amy ty raty ro fahazavan-tsay. '''

Chapter 29

¹Nanohy nivola Joba sady nanao hozao: ²"Eh, laha mba manahaky ty tamy vola lasa mbo tamy ty nikarakaran-Janahary ahy reny aza zaho, ³mbo tamy namirapiratsy tan-doahako teo ty jirony, sady mbo tamy ty namakivaky ty haly tamy ty fahazavany zaho. ⁴Eh, laha mba manahaky ty tamy ty andro ty fatoizako mbo tamy ty finaman-Janahary tan-tsanoko ao reny aza zaho; ⁵mbo tamy mbo niaraky tamiko ty Tsitoha, sady mbo niodidy ahy anako rey, ⁶mbo tamy voarakotsy ronono ty lalako, sady ty vatolompy nandrotsaky rano solo-bonio ho ahy! ⁷Laha niboaky ty vavahady ty tanà zaho, laha nipetsaky tamy ty toerako tan-kianja ty tanà eo, ⁸le nahita ahy sady nijano lavitsy ahy tamim-panajà pamaraky rey, sady ty olo antitsy nitsanga ka le nitsanga ho ahy. ⁹Nijano tsy nivola ty pamaraky lako lafa avy zaho, nanampy ty vavany tamy ty tanany ndrozy. ¹⁰Tsy ré ty feo ty olo-manan-kaja, sady nipitiky tamy ty lanilaniny eo tyblelan-drozy. ¹¹Fa lafa baka naharé ahy ty sofiny, le nitsi-pirano ahy ndrozy; lafa baka nahita ahy ty masonry, le nitsanga vavolombelo ho ahy noho nanenky ahy ndrozy ¹²safe nanavotsy ty olo ze mijaly zaho lafa nitoreo ie, sady ty olo ze kamboty baba lafa tsy nana ndra ia ndra ia hanampy azy ie. ¹³Ty tsipirano ze fa ho maty le avy amiko; nahavy ty fo mpanday-vata rey hihira fifalea zaho. ¹⁴Misiky fahamarina zaho, sady mampisiky ahy zay; ty fahamarina ro manahaky ty akanjo lava noho satsoky. ¹⁵Maso ho ahy olo jiky rey zaho; tomboky ho ahy olo kolatsiky rey zaho. ¹⁶Baba ho ahy olo ory rey zaho; nandiniky ty aly zaho na le ty ahy ty olo ze tsy haiko aza. ¹⁷Nampitoro ty valanora ty olo tsy marina zaho; nanombotsy ¹⁸ty nahazo voy baka amy ty hiny teo zaho. Le hoy zaho hozao: ' Ho maty amy ty tsanoko ao zaho; hampitombo androko rey manahaky ty lembokyfasy zaho. ¹⁹Mihafo amy ty rano eo ty fotoko, sady ty ando nipetsaky tamy rantsako ty haly iaby rey. ²⁰Ty voninahitsy amiko ao le vaovao zisiky farany, sady ty kititsy ty heriko le vaovao zisiky farany an-tanako eo.'

²¹Nijan'ny ahy olo rey; nandiny ahy ndrozy; tsy nivola mba hijan'ny ty toro-hevitsy ndrozy. ²²Lafa vita ty safako, le tsy nivola sasy ndrozy; nitete manahaky ty rano tamin-drozy teo ty safako. ²³Nandiny ahy zisiky farany manahaky ty nandiny ora ndrozy; nampisanasana ty vavany ndrozy mba hino ty safako, manahaky ze hanovin-drozy amy ty faran'ora. ²⁴Nihamy tamin-drozy zaho lafa tsy nanam-po zay ndrozy; tsy mba nandà ty fahazava ty tarehiko ndrozy. ²⁵Nitingy ty lalan-drozy zaho sady nipetsaky ho lehibeny; niay manahaky tybmpanjaka lehibe ty tafiny zaho, manahaky ty olo ze mampieny mpisao rey.

Chapter 30

¹Amy zao ze tanora noho zaho rey le tsy mana ndra ino ndra ino lafa-tsy fikizaha ho Ahy--- le pamaraky ze tsy nengako hiasa anila ty alika ty biby haréko rey ty lion-drozy. ²Eka vatany, ty hery ty tana baban-drozy rey, nanino ro nahafaha zay nanampy ahy--- lahilahy ze tsy misy ty hery ty taony fahamatoran-drozy rey? ³Nahia noho ty fijalea noho ty hamosary ndrozy; nihina tamy ty tany maiky anay haiky ty tany efitsy noho rava ao ndrozy. ⁴Namboly tsimon-kazo mangily noho ravim-boaroy ndrozy; ty foto ty anjavily ro hanin-drozy. ⁵Niroahy tsy ho amy ty olo ze nanakora androzy eo manahaky ty fanakora ty olo raiky ty mpangalatsy ndrozy. ⁶Ka le tsy maintsy mipetsaky an-driaky ndrozy any, tan-davaky ty tany noho ty lafiam-bato ao. ⁷Naneno manahaky ty ampondra tamy ty voaroy ndrozy; sady tambany voaroy rey tao ro niarahan-drozy nivory. ⁸Anaky adala ndrozy, eka vatany, anan'olo tsy manan-kaja ndrozy! Nanory hiala tamy ty tany tamy ty karazany ndrozy. ⁹Fa amy zao, nanjary hira fandatsà ho ahy anany zaho; eka vatany, nanjary fiheheza ho androzy zaho amy zao. ¹⁰Malay ahy noho mitsanga lavitsy ahy ndrozy; sady tsy mijano ty mandora ty tarehiko. ¹¹Fa Njanahary namaha ty taly tamy ty kititsy noho nampijaly ahy, sady ze manaraty ahy rey le nanoraky ty fitereny anila ty tarehiko rey. ¹²Amy ty tana an-kavana eo ro hitsangana ty androvolahy; mandroaky ahy ndrozy sady nanao bongana-tany hanao tsipi-rano ahy. ¹³Ravan-drozy ty lalako; atosin-drozy ho amiko eo ty loza, le lahilahy ze tsy misy ndra ia ndra ia rey hitanjaky androzy. ¹⁴Avy hanohitsy ahy manahaky ty tafiky baka amy ty lavaky bevata raiky amy ty vala ty tanà eo ndrozy; anivo ty fandrava eo ro amehozan-drozy ahy. ¹⁵Mitoliky amiko ty fangorohoroa; nitsiohy manahaky ty tsioky ty voninahitsiko; rava manahaky ty raho ty fitahiako. ¹⁶Amy zay le miboaky baka anaiko ao ty aiko; androm-pijalea lako ro nitanjaky ahy. ¹⁷Voatsoboky ty taolako anaiko ato amy ty haly; tsy mijano faharary ze mianky amiko rey. ¹⁸Nangalaky ty fisikinako ty herin-Janahary bevata; miodidy ahy manahaky ty vozo ty akanjoko zay. ¹⁹Nanoraky ahy tanay fotaky ao ie; nanjary manahaky ty lemboky noho lavenoky zaho. ²⁰Mitoreo aminao zaho, Njanahary, fa tsy mamaly ahy Iha; mitsanga zaho, fa manenty ahy avao Iha. ²¹Niova Iha sady loza bevata tamiko; amy ty hery ty tananao ro aniananao ahy. ²²Manondrotsy ahy amy ty tsioky eo Iha ka le mampanday azy ahy; mampiriorio ahy anay talio Iha. ²³Fa haiko fa handay ahy ho amy ty fahafatesa Iha, ho amy ty tsano ze voalahatsy ho ahy ty raha-manan'ay iaby. ²⁴Ndra zay aza, moa va tsy misy ndra ia ndra ia manondrotsy ty tanany mikaiky famonjea lafa tonta ie? Moa va tsy misy olo mana problemo ka le mikaiky hazolava? ²⁵Tsy nitany ho ahy ze tsatsy-fahoria va zaho? Sady tsy nalahelo ty olo ory va zaho? ²⁶Lafa nikaroky ty soa zaho, le ty raty ro avy; le ty haiky ndraiky ro avy. ²⁷Ory ty foko sady tsy manam-pitsahara; avy tamiko andro ty fijalea rey. ²⁸Fa nandehandeha manahaky ty olo ze nipetsaky tanay haiky ao zaho, fa tsy noho ty masoandro; mitsanga amy ty fiangona ao zaho sady mihoaky famonjea. ²⁹Rahalahy alika-li rey zaho, nama ostritsa rey. ³⁰Mainty ty holitsiko sady miendaky amiko; oroa ty hafana ty taolako. ³¹Laha zay le mifanaraky amy ty hira fisaona ty lokangako, sady ty sodiko ho ahy ty hira ze mitany rey.

Chapter 31

¹Fa nanao fanenkea tamy ty masoko zaho; le anoviko manao akory ty hanenty omba-paniria ty aja ampela tsy mahasaky lahy? ²Fa ino ro anjara baka amin-Janahary anabo, azy lova baka amy Tsitoha any iny amy ty abo bibiky? ³Nieritseritsy avao zaho fa ty loza ro ho ahy ty olo tsy marina, sady ty fijalea ro ho ahy ty mpanao raty. ⁴Moa tsy hitan-Janahary va ty lalako sady isahiny ty liako iaby? ⁵Laha mandeha tamy ty vandy zaho, laha nandeha malaky ho amy ty fitaky ty tomboko, ⁶le ao zaho ho lanja amy ty maiky mba hahazana-Janahary ty fahitiako. ⁷Laha niala tamy ty lala-marina ty liako, laha nandeha nanaraky ty masoko ty foko, laha nisy sitilô nandoto ty tanako, le ⁸ao zao hampahery sady engaho hihina ty hafa; eka vatany, engaho hombotako amy ty baiboko ty vokatsy. ⁹Laha voafitaky ty ampela ty foko, laha niroro tam-pandinasa tam-baravara ty mpira-belo tamiko teo ty valiny zaho, ¹⁰le engaho ty valiko handaisa vary ho ahy ty lahilahy hafa, sady engaho hafa rey handohaliky aminy eo. ¹¹Faho meloky bevava mandaginy zay; eka vatany, ho meloky bevava hosazy ty mpitsara zay. ¹²Safe zay ro afo ze mandrava ty raha iaby ho ahy ty Fiaina-tsy hita noho handoro ty vokatsiko iaby. ¹³Laha tsy nidary ty fangatahako rariny baka amy ty mpiasako lahy na ampela zaho lafa nialy hevitsy tamiko ndrozy, ¹⁴le ino sady ro hanoviko lafa mitsanga hahazo ahy Njanahary? Lafa ho avy tsara ahy Ie, le nanino ro havaliko Azy? ¹⁵Moa raiky ze nanao ahy tan-dabosiko ao iny tsy nanao androzy koa? Moa tsy raiky avao ro nandinindiniky anay iaby tan-dabosiko ao? ¹⁶Laha nisaka ty olo mijaly tamy ty fanirian-drozy zaho, ¹⁷na laha nanapaha ty maso ty mpandai-vata tamy ty fitomania, na laha nihina ty haniko zaho raiky sady tsy nanenga ze kamboty rey hihina zay koa— ¹⁸safe nihabevata niaraky tamiko manahaky ty niaraky tamy ty baba zisiky amy ty naha aja ahy ty aja kamboty, sady nitariky ty reniny zaho, ze mpandai-vata, baka an-tsaratson-dreniko ao. ¹⁹Laha nahita olo fa ho maty noho ty tsy fanana akanjo zaho, na laha nahita mijaly tsy nana aknjo; ²⁰laha tsy nisaotsy ahy ty fony noho ie tsy nafana tamy ty volon'aondriko, ²¹laha nanondrotsy ty tanako hanohitsy ty olo kamboty zaho safe nahita ty fanohanako tam-bavahady ty tanà eo, le manday figadra ahy! ²²Laha nanao raha rey zaho, le ao ty soro holavo hiala amy ty taolan-tsoroko, sady ao ty sandriko ho tapaky amy ty tonon-taolany. ²³Safe natahotsy ty fahatoroa baka amin-Janahary zaho; noho ty voninahiny, le tsy afaky nanao raha rey zaho. ²⁴Laha nanao ty volamena ho fanantenako zaho, sady laha nivola tamy ty volamena soa zaho hozao: 'Ia ro atokisako'; ²⁵laha nifaly noho ty habevata ty hananako zaho, safe nahazo hanana lako ty tanako, le manday fahazoa ahy! ²⁶ha nahita ty masoandro zaho lafa namirapiratsy zay, na ty vola mandehandeha amy ty famirapiratsy, ²⁷sady laha voasariky moramora ty foko, hony ka le nanoroky ty tanako mba hanompoa ndrozy ty soniko— ²⁸le heloky bevava hosazia mpitsara avao koa zay, safe fa nandà Njanahary ze anabo ao iny zaho. ²⁹Laha nifaly tamy ty fahatoroa ze tsy nitea ahy zaho ndra nanao akory tena lafa tsatsy ty loza ie, le manday fahazoa ahy! ³⁰Eka vatany, tsy nengako hanota iaby ty vavako tamy ty fangataha ty ainy tamy ty ozo. ³¹Laha tsy mbo nivola mihintsy olo amy ty laiko ao hoe: 'Ia ro afaky mahita azy tsy vintsy ty hany Joba iny?' ³²(ndra ty vahiny aza le tsy voatery nijano tamy kianja ty tanà teo, safe namoha ty varavarako ho ahy ty mpandeha avao zaho), sady laha tsy zay, le mandaisa fahazoa ahy! ³³Laha, namony fahotako rey tamy ty famonia ty heloko rey tanay ty akanjo lavako so, manahaky ty olombelo zaho ³⁴(safe natahotsy ty lako hisaky zaho, safe nampihorohoro ahy ty tsy fidarea ty longo, hony ka le tsy nivola zaho sady tsy nandeha tam-baliky any), le manday figadra ahy! ³⁵Tamy zay, laha mba nisy olo nijanjy ahy vasa! toy ty soniako; engaho hamaly ahy azy Tsitoha iny! Laha mba nana ty fahazoa ze nisoraty ty mpanohitsy ahy vasa zaho! ³⁶Handay zay an-tsoroko eo vatany zaho, hananovako manahaky ty satso-boninahitsy zay. ³⁷Hanambara aminy ty hisa ty liako zaho; manahaky ty pamaraky mahatoky ro hiakarako Aminy any. ³⁸Laha mitoreo manohitsy ahy ty taniko, sady miaraky tomany ty bongany, ³⁹laha nihina ty vokatsiny nefa tsy nandoa zay zaho na nahavy tompony rey hamoy ty ain-drozy, ⁴⁰le engaho fatiky rey ro hitiry fa tsy vary sady akotsy fa tsy vary ordea." Tampitsy ty safa Joba.

Chapter 32

¹Le nijano tsy namaly an'i Joba sasy lahilahy telo rey safe marina tamasony teo avao ie. ²Sady le nasiaky ty heloky Eliho anakilahy Barakela azy Bozita iny, baka amy ty foko i Rama; nasiaky tamy Joba zay safe nanamarina ty vatany ie laha vatany ho Njanahary. ³Nasiaky tamin-drozy namany telo lahy avao koa ty heloky Eliho safe tsy nahita safa havaly an'i Joba ndrozy, sady mbo nihelofan-drozy avao i Joba. ⁴Sady Eliho le nandiny ty hiresaky tamy Joba safe lahilahy hafa rey le bevata noho ie. ⁵Nefa, lafa hita Eliho fa tsy nisy safa havaly an'i Joba tamin-drozy telo lahy teo rey, le nasiaky ty helokiny. ⁶Sady Eliho anakilahy Barakela azy Bozita iny nivola maré ka le nanao hozao: "Tanora zaho, sady nareo ro fa tena antitsy. Ka le antony zay nihafahafako ka le tsy nasakiako nivola taminareo ty diniko raiky. ⁷Hoy zaho hozao: " Ty halava ty andro ro tokony hivola; ty tao lako ro tokony hampianatsy fahendrea. ⁸Nefa misy amy ty olo ao; ty imbon'ay azy Tsitoha iny ro manome azy fahazavan-tsay. ⁹Tsy ze olo bevata avao ro hendry, ndra olo nahazo tao rey avao ro mahatakatsy ty rariny. ¹⁰Laha zay le hoy zaho aminareo hoe: 'Janjino zao; hambarako aminareo avao koa ty fahaizako. ¹¹Ingo, nandiny ty safanareo zaho; nijanjy ty fandresen-dahatsinareo zaho laha nieritseritsy ze hovolany nareo. ¹²Nijanjy soa anareo vatany zaho, nefa, ingo, tsy nisy ndra raiky taminareo aza afaky nandresy lahatsy an'i Joba ndra afaky namaly safany rey. ¹³Embeno mba tsy hivola hozao: 'Fa nahita fahendrea zahay!' Njanahary ro tsy maintsy handresy an'i Joba; laha olo-tsotsa tsy afaky ty hanao zay. ¹⁴Safe i Joba tsy nivola mivanta tamiko, le tsy hamaly azy amy ty safanareo zaho. ¹⁵Tsy nahaloha-bava lahilahy telo rey; tsy nahavaly an'i Joba sasy ndrozy; tsy mana safa ho volany sasy ndrozy. ¹⁶Tokony handiny va zaho safe tsy mivola ndrozy, safe mitsanga eo ndrozy ka le mieny sady tsy mamaly sasy? ¹⁷Aha, hamaly amy ty anjarako koa zaho; ho volaniko androzy avao koa ty fahaizako. ¹⁸Safe mana safako lako ho volany zaho; ty fanahy ze anaiko ato ro manery ahy. ¹⁹Ingo, manahaky ty divay milò ze tsy hiboahany ty tsatsako; manahaky ty sihoa holitsy vaovao, ze fa hijiatsy. ²⁰Sady hivola zaho mba hahavelombelon'ay ahy; hamoha ty soniko zaho ka le hamaly. ²¹Tsy hampitolo fiangara zaho; sady tsy hanome fikaiha mihaja ndra amin'ia ndra amin'ia. ²²Safe tsy haiko ty manome fikaiha manahaky zay; laha nanao zay zaho, le hangalaky ahy tsy ho ela ty Mpihary ahy.

Chapter 33

¹Ka le amy zao, Joba, mangataky anao zaho, mijanjina ty safako; janjino ty safako iaby. ²Ingo amy zao, fa mamoha ty vavako zaho; fa mivola tambavako ty lelako. ³Baka amy ty fahitia ty foko ty safako; manambara fahaiza malio ty soniko. ⁴Ty Fanahin-janahary ro nanao ahy; ty imbonay azy Tsitoha iny ro nanome fahaveloma ahy. ⁵Laha azonao anovy, valio zaho; alaharo anilako eto ty safanao ka le mitsangana. ⁶Ingo, manahaky anao avao zaho amason-Janahary eo; namboary bak amy ty tanimanga avao koa zaho. ⁷Ingo, tsy hampatahotsy anao ty horohoro; na havesatsy anao ty tindriko. ⁸Nivola tan-tsofinao vatany iha; reko ty feo ty safanao nanao hozao: ⁹Malio zaho sady tsy misy heloky; tsy manan-tsiny zaho, sady tsy misy ota amiko ato. ¹⁰go, mahita hiriky hamangoa ahy Njanahary; rambesiny hanahaky ty fahavalony zaho. ¹¹Habelany amy ty bolongo hazo ty tomboko; dinihiny iaby ty lalako. ¹²Ingo, amy zao ro mahadiso anao--hamaly anao zaho, safe bevata noho ty olo Njanahary. ¹³Nanino iha ro mialy aminy? Tsy manisa ndra ino ndra ino amy ze anoviny Ie. ¹⁴Fa mivola draiky avao Njanahary--eka, ingo, na le tsy hay ty olo aza zay. ¹⁵Anay nofy ao, anay fahita amy ty haly ao, lafa avy amy ty olo ty roro maré, lafa anay nofy ao am-pandrea eo--¹⁶Le mamoha tyvsofy ty olo Njanahary, sady mampitahotsy androzy amy ty horohoro, ¹⁷mba honinto ty olo hiala amy ty tanjony atsiaky fahota, noho hanalavitsy ty fieboa aminy. ¹⁸Njanahary ro miaro ty ay ty olo amy ty lavaky, ty ainy tsy hoavy ho amy ty fahafatesa any. ¹⁹Sazia amy ty faharary am-piroroany eo avao koa ty olo, miaraky amy ty fangirifiry tsy miharo amy ty taolany ao, ²⁰mba halay hany ty ainy, sady halay hanim-py ty fanahany. ²¹Rava ty nofotsiny mba tsy ho hita; ty taolany, ze tsy hita fa ela, le zisiky amy zao. ²²Eka vatany, manariny lavaky ty fanahiny, sady ty ainy anila ze mitiry ty hanoro zay. ²³Fe laha misy anjely raiky afaky ty jo mpandrara ho azy, le mpandrara raiky, baka amy anjely an'alinaliny rey, mba hampitoto azy ze mety hanovy, ²⁴sady laha malemy fanahy aminy azy anjely iny ka le mivola amin-Janahary hozao: 'Vonjeo mba tsy hijotso an-davaky any olo toy; fa nahita valim-panavota ho azy zaho; ²⁵sady le hanjary ho vaovao noho ty ahy ty aja ty nofotsiny; ke himpoly amy ty andro tany ty hery ty fahatanorany ie. ²⁶Hivavaky amin-Janahary ie, sady halemy fanahy aminy Njanahary, mba nahitany ty tarehin-Janahary amy ty fifalea. Hamean-Janahary azy olo iny ty fandreseany. ²⁷Le hihira aloha ty olo hafa eo olo zay ke le hanao hoe: 'Nanota zaho ka namaliky ze marina, fe tsy nisaziny ty fahotako. ²⁸Namonjy ty fanahiko tsy hijotso an-davaky any Njanahary; hahita fahazava zisiky any ty fiainako. ²⁹Ingo, manao raha amy ty olo raiky Njanahary rey, indroe, eka, in-telo aza, mba handay ty fanahiny himpoly baka an-davaky any, ³⁰mba ho hazava amy ty fahazavan'ay ie. ³¹Miembena, Joba, sady tojiky ahy; moramora le mivola zaho. ³²Laha misy hambara iha, le valio zaho; mivolana, fa miry ty hanaporofa zahi fa marina iha. ³³Laha tsy zay, le janjino zaho; moramora, le hampianariko fahendrea iha."

Chapter 34

¹Tohiny zay, le mbo nivola i Eliho hozao: ²"Janjino ty safako, lahilahy hendry; janjino zaho, nareo ze mana fahaiza. ³Fa ty sofinay le maharé ty safa manahaky ty hitsapa ty lela ty tavy ty haniko. ⁴Ao tsika hitingy ze rariny ho antsika: so tsika samby hahita ty soa amintsika eo. ⁵Fa Joba nivola hozao: 'Marina zaho, fa nalan-Janahary ty zoko. ⁶Ndra ino ndra ino zoko, le rambesy ho mpavandy zaho. Tsy azo afaha ty ratsiko, na le tsy nanota aza zaho. ⁷Fa lahilahy ino Joba, ze mino ty fanambania manahaky ty rano, ⁸ze mandeha aroy noho eroa miaraky amy mpanao raty rey, sady miaraky lala amy ty olo raty fanahy? ⁹Fa nivola ie hozao: 'Tsy hahazoa ty olo benefify ty falifaly amy ty fananova ze tean-Janahary. ¹⁰Ka le janjino zaho, lahilahy mana fahazavan-tsay: sanatsia amin-Janahary lahy ty hanao raty; sanatsia amy azy Tsitoha iny lahy ty hanota. ¹¹Safe mamaly ty asa ty olo ie; anoviny avy amy ty valisoa ty lala nitingininy ty olo iaby. ¹²Eka vatany, tsy mba manao raty Njanahary, na hamaliky ty rariny mandrakizay ty Tsitoha. ¹³Ia ro nampiantoky azy ty tany? Ia ro nampipetsaky ty tany raiky iaby tambaniny eo? ¹⁴Laha ie avao ro hifantoha ty vatany, sady laha mampimpoly mamory ty fanahiny noho ty imbon'ainy aminy avao ie, ¹⁵le hiaraky ho lo iaby ty nofotsy iaby; sady himpoly ho lemboky ndraiky ty olombelo. ¹⁶Laha mana fahazavan-tsay iha amy zao, le janjino zao; janjino ty feo ty safako. ¹⁷Afaky ty handay va ty olo raiky ze tsy tea ty rariny? Ho helofanao va Njanahary, ze marina noho mahery? ¹⁸Njanahary, ze mivola amy ty mpanjaka hozao: 'Mampangoritsy iha,' na koa mivola amy manan-kaja rey hozao: 'raty fanahy nareo'? ¹⁹Njanahary, ze tsy miangatsy amy mpanday rey sady tsy manome lanja mpanarivo mandilatsy ty mijaly rey, safe asa ty tanany iaby ndrozy. ²⁰Anay ty fotoa tsy ampy ao ndrozy ro ho maty; amy ty sasak'aly ro ho voahozongozo ty olo sady ho maty; halà avao koa ty olo mahery, fe tsy amy ty tanan'olombelo. ²¹Fa ty mason-Janahary leamy ty lala ty olo eo; hitany iaby raha tokony hanoviny rey. ²²Tsy misy maiky, na haiky-impito livonia mpanao ty tsy rariny rey. ²³Fa tsy mila mandiniky ty olo sady Njanahary; tsy misy dikany handehandeha ty olo ho tsarà anilany eo. ²⁴Torotorony lahilahy mahery rey noho ty lalan-drozy ze tsy hilà fikarokaroa sasy; hapetsany amy ty toera iaby ty hafa. ²⁵Sady zay ro hahazany ty asan-drozy; amy ty haly ro handravany olo rey; rava ndrozy. ²⁶Amaso ty hafa eo, vonoany manahaky ty malaso ndrozy noho ty asa raty vitany ²⁷safe nivaliky tsy nanaraky Azy ndrozy sady tsy nety nanenky ndra raiky aza tamy ty lalany. ²⁸Tamy zay, le nanovin-drozy avy aminy teo ty tany mijaly rey; sady ty tany olo nampijaly rey. ²⁹Laha tsy mivola ie, ia ro afaky homeloky Azy? Laha havoniny ty tarehiny, ia ro hahita Azy? Mitovy ty fanapahany ty firenea noho ty kirai-draiky, ³⁰mba tsy ho afaky hanapaky ty olo mpandratriaty, mba tsy hisy ndra raiky aza hamadiky ty olo. ³¹Laha anovy hozao misy olo raiky mivola amin-Janahary hozao: 'Meloky vatany zaho, fa tsy hanota sasy; ³²ampianaro ahy ty raha tsy mety hitako; nanota zaho, fa tsy hampimpoly zay sasy.' ³³Le midiniky fa ho sazin-Janahary noho ty otan'olo zay, safe tsy teanao ty anovin-Janahary? enganie iha ro hitingy, fa tsy zaho. Ka le volano ze hainao. ³⁴Ty olo mana fahazavan-tsay ro hivola amiko hozao— eka vatany, ze lahilahy hendry iaby maharé ahy le hivola hozao: ³⁵Mivola tsy am-pahaiza i Joba; tsy misy fahendrea ty safany. ³⁶Laha mba nitsara tamy ty antsipirihany kelikely biby tamy ty raha nahazo azy moa i Joba noho ty fivolana manahaky ty olo raty fanahy. ³⁷Fa ampeany fiharoa ty fahotany; mitehaky ampikizaha anivontsika eo ie; mamory safa hanoheraan-Janahary ie."

Chapter 35

¹Ho fanampia zay i Eliho le mbo nanohy, nivola hozao: ²"Midiniky va iha fa marina zay lafa mivola iha hozao: 'Ty zoko anilan-Janahary eo?' ³'Safe iha nanontany hozao: 'Ino ro asa zay amiko?' noho hoe: 'Ho soa vatany va zaho laha nanota?'⁴Hamaly anao zaho, iha noho namanao. ⁵Hentao ty lanitsy, le hentao zay; hentao ty lanitsy, ze abo noho iha.⁶Laha nanota iha, le ino ro raty nanoviko an-Janahary? Laha mivory maré ty fandikan-dalánao, le ino ro anovinao Aminy? ⁷Laha marina iha, le ino ro afaky hameanao Azy? Ino ro ho rambesiny baka amy ty tananao?⁸Ty haratianao le mety handratsy olo raiky, amy ty maha-olo anao, sady ty fahamarinanao le mety hahasoa ty anaky ty olo hafa.⁹Noho ty asa fampijalea lako, le mitoreo ty olo; mila vonjy baka an-tsandry olo mahery rey eo ndrozy. ¹⁰Fa tsy misy ndra ia ndra ia mivola hozao: 'Aia Njanahary Mpihary ahy iny, ¹¹ze manome hira amy ty haly, ze mampianatsy bevata antsika noho ty hampianarany biby-li ty tany rey, sady ze manao antsika ho hendry noho voro ty lanitsy rey?'¹²Any ndrozy ro mitoreo, fa Njanahary tsy manome valiny androzy noho ty firengirengy ty olo-raty. ¹³Tsy hahare ty fitomania adala vatany Njanahary; tsy hirahara zay Tsitoha iny. ¹⁴Manao akory ty haketikely ty hamaliany anao laha mivola iha fa tsy mahita Azy, fa ty alinao le anilany eo, sady mandiny Azy iha!¹⁵Manao akory ty haketikely ty hamaliany anao laha mivola iha fa tsy manasazy ndra ia ndra ia an-keloky mihintsy Ie, sady tsy miraharaha bibiky ty avonavo ty olo Ie. ¹⁶Ka le namoha ty vavany mba hivola hadala avao i Joba; namory safa tsy am-pahaiza ie,"

Chapter 36

¹Nanohy avao Eliho sady nivola hozao: ²"Manengà ahy hivola lavalava maré, le hanoro raha anao zaho safe mbo misy kelikely ho volaniko ho fiarova an-Janahary. ³Hahazo ty fahaizako baka lavitsy zaho; hiaky zaho; fahamarinana ro ahy ty Mpahary ahy. ⁴Fa eka vatany, tsy ho diso safako rey; olo matotsy amy ty fahaiza ro aminao eto. ⁵Ingo, Njanahary ro mahery, sady tsy mamingafinga ndra ia ndra ia; magery amy ty hery ty fahazavan-tsay le. ⁶Tsy miaro ty ay ty olo raty fanahy le fa koa manao ze marina ho ahy ze mijaly rey. ⁷Tsy mangalaky ty masony amy olo marina rey le fa koa mampipetsaky androzy mandrakizay amy seza fipetrahany rey manahaky ty mpanjaka, ka le misondrotsy ndrozy. ⁸Laha voafehy tamy ty rojo sady voafandriky tamy ty taly ty fampijalea ndrozy, ⁹le ambarany amin-drozy ze nanoviny, noho ty helokin-drozy zady ty firengirengin-drozy. ¹⁰Mamoha ty sofin-drozy ho amy ty fampianarany avao koa le, sady mibeko androzy mba hiala amy ty heloky. ¹¹Laha mijanjy Azy noho mpiasa Azy ndrozy, le handay ty andron-drozy amy ty fitahia, noho ty taon-drozy amy ty fifalea. ¹²Ndra zay aza, laha tsy mijanjy androzy, le ho vonoe amy meso bevata; ho maty ndrozy safe tsy manam-pahaiza. ¹³Manajary ty helokiny ze mpandraturaty am-po rey; tsy mikaiky hazolava ndrozy na le mamehy androzy aza Njanahary. ¹⁴Maty amy ty hatanora ndrozy eo; tampitsy amy mpaheriloa rey amy ty fivavaha ty andron-drozy eo. ¹⁵Njanahary mamonjy olo nampijalea amy ty alala ty fijalean-drozy rey; mamoha ty sofin-drozy amy ty alala ty fampijalea androzy le. ¹⁶Eka vatany, te-hangalaky anao amy ty fijalea ho ahy ty amy ty toera malalaky ze tsy misy raha-sarotsy noho ze androsoa hany atsiky sabora amy ty latabatsinao le. ¹⁷Nefa iha le atsiky fitsarà ty olo raty fanahy; nitandraky anao ty fitsarà noho ty rariny. ¹⁸Mba ka enga hitao anao ho amy ty fikizaha ty helokinano, na hampivio anao ty habevata ty vilim-panavota. ¹⁹Afaky manome tombony anao va ty hanananao, mba tsy ho anay ty fijalea ao iha, sa afaky manampy anao va ty hery ty fahatanjanao iaby? ²⁰Mba ka maniry ty haly, mba hanota hanohera hafa rey, lafa alà amy ty toeran-drozy eo ty olo. ²¹Miembena mba tsy himpoly hanota iha safe fa nisazy tamy ty fampijalea iha mba hanalaviranao ty fahota. ²²Ingo, misondrota amy ty heriny Njanahary; ia ro mampianatsy manahaky Azy? ²³Ia ro mba afaky hivola Azy hozao: 'Fa nanao ty tsy marina iha?' ²⁴Tiarovo ty manompo asany rey, ze nihira ty olo. ²⁵Fa nanenty asa rey ty olo iaby, nefa baka lavitsy eny avao ro nahitany asa rey. ²⁶Ingo, bevata Njanahary, nefa tsy azontsika soa le; tsy hay kajy ty hisa ty taony. ²⁷Fa mangalaky rano nitetè ze nalatsany ho ora baka amy ty zevoky le, ²⁸ze alatsaky ty raho noho atondrakiny bevata amy ty olombelo. ²⁹Eka vatany, misy olo mahataksy ty habevata ty fiparitaha ty raho noho ty hotsoky baka amy ty tsanony ao va? ³⁰Ingo, manaparitaky ty helatsy miodidy Azy le sady mandrakotsy fanambania ty riaky rey. ³¹Amy fomba zay ro hasoany olo noho hanomezany hany atsiky rey. ³²Manatsiky helatsy ty tanany le zisiky hibekoany zay mba hamango ty famantara zay. ³³Ty hotsoky zay le mampiemby ty amy ty talio, ty biby haré avao koa ro afaky maharé fa tamy zay.

Chapter 37

¹Eka vatany, mihorohoro amy zay ty foko; miala amy ty toerany. ²Janjino, oh, janjino ty koraky ty feony, ty feo ze miboaky baka amy ty vavany. ³Mandefa zaybambany lanitsy eny iaby Ie, sady mandefa ty helatsiny mazava zisiky amy ty sisin-tany. ⁴Misy feo mierotsy afara zay; mihotsokotsoky amy ty feo ty voninahitsiny Ie; tsy misaka ty holatsy mazava hipelatsy Ie lafa re ty feony. ⁵Mahajilo ty fikotsokotsoky ty feon-Janahary; manao raha bevata ze tsy takatsy Ie. ⁶Fa hoy Ie amy ty havandra: "Milatsaha amy ty tany eny"; manahaky zay koa ty ranon'ora: 'Miavia ho ranon'ora mivatsavatsa bevata'. ⁷Mampijano ty tana ty lahilahy kirai-draiky amy ty asany Ie, mba hahafaha ty oloniaby ze namboariny hahita asany rey. ⁸Le militsy amy ty famoniany ao koa biby-li rey ka le mania an-johiny any. ⁹Ty talio avy baka amy ty efiny any baka antimo any, sady ty hnintsy baka amy ty fiparitaha ty tsioky any baka avaratsy any. ¹⁰y ty alala ty imbonain-Janahary ro mampisy ty ranomandry. Gilasy manahaky ty vy ty rano bevata malalaky. ¹¹Mavesatsy amy ty hamando vatany Ie; mampiparitaky ty helatsiny mazava amy ty raho Ie. ¹²Manodikodiky ty raho manahaky ty fitarihany Ie, mba hafahan-drozy manao ze ibekoany androzy anabo ty habevata ty tany iaby toy. ¹³Anovo miseho iaby zay; sendrasendra le miseho zay ho fanitsia, sendrasendra ho ahy ty taniny, sady sendrasendra ho ty asa ty fanenkea matoky. ¹⁴Janjino zao, Joba; mijanona sady diniho ty mikasiky asa mahatserikin-Janahary rey. ¹⁵Hainao va ty faneren-Janahary amy ty sitsapony amy ty raho noho fananovany ty helatsy mazava hipelatsy amy rey ao? ¹⁶Takatsinao va ty firabiraby ty raho, asa mahatserikin-Janahary rey, ze avy mahay amy ty fahaiza? ¹⁷Takatsinao va ty mahavy akanjonao rey hafana lafa maiky ty tany safe avy baka antimo any ty tsioky? ¹⁸Ino va afaky mamelatsy ty lanitsy manahaky ty anoviny--- le ty lanitsy, ze mahery manahaky ty fitaratsy manganohano vita amy ty vy vitaremby? ¹⁹Mba ampianaro anay sady ze tokony ho volaninay aminy, fa zahay tsy mahavita mandahatsy tohan-kevitsinay rey noho ty haiky ty fandinihanay. ²⁰Tokony hivola ze teako volany aminy va Ie? Misy olo maniry ho voately va? ²¹Amy zao, tsy afaky manenty ty masoandro lafa mipiriaky amy ty lanitsy eny va ty olo afara ty fandalova ty tsioky ka le nampisavany ty rahony. ²²Baka avaratsy any ro hiavia ty famirapiratsy volamena--- voninahitsy nampatahotsy ro amin-Janahary eo. ²³Laha ty amy azy Tsitoha iny, tsy afaky mahita Azy tsika! Ie le bevata amy ty fahefa; tsy mampijaly ty rariny Ie sady bevata fahamarina. ²⁴Laha zay, matahotsy Azy ty olo. Tsy manenty ze midinim-bata rey ho hendry vasa Ie."

Chapter 38

¹Bakeo le nikaiky an'i Joba baka amy ty talio mahery maré ao Yaveh ka le nanao hozao: ²"Ia manday haiky amy tiasa amy ty alala ty safa tsy misy fahaiza toy? ³Apisikino manahaky ty lahilahy ty valahanao fa hampipetsaky fanontania aminao Zaho, sady tsy maintsy mamaly Ahy iha. ⁴Taia iha mbo tamy ty nanory ty fototsy ty tany Zaho? Volano Ahy, laha tena mana fahazavan-tsay bevata iha. ⁵Ia ro nanoritsy metatsiny? Volano Ahy, laha hainao. Ia ro nanampatsy ty taly fametara taminy eo? ⁶Tamy ino ro nametsaha ty fotony? Ia ro nametsaky vato fehizoro rey ⁷lafa niaraky nihira ty basia maray sady nihoaky fifalea anan-Janahary iaby rey? ⁸Ia ro nanily ty riaky tamy ty varavara lafa vaky zay, laha niboaky manahaky ty baka an-dabosiko ao zay --- ⁹lafa nanao raho rey ho fisikinany Zaho, sady haikim-pito ho fonony? ¹⁰Zay ro tamy ty nanoritako ty faritsy amy ty sisin-driaky, noho tamy ty nametsahako ty hily noho varavarany, ¹¹sady tamy ty nivolanako taminy hozao: 'Mety ho avy zisiky eo iha, fe tsy handilatsy lavitsy; eto ro hametsahako ty farany amy ty fasaoky ty anjranao. ¹²zisiky amy ze nanomboha ty andronao, fa nanome beko ty maray hiboaky va iha, sady nahavy ty maraindrain-be hahay ty toerany amy ty filahatsy ty raha iaby eo, ¹³mba hitandrahany zoro ty tany rey ka le hiozongozo hiala aminy eo ty olo raty fanahy? ¹⁴Niova manahaky ty fiova ty tanimanga ambany ty tampô ty endriky ty tany; ty raha iaby aminy eo le miavaky mazava soa manahaky ty famaliha siky. ¹⁵Baka amy olo raty fanahy rey ro nangala ty 'hazavan-drozy; ty sandry misondrotan-drozy le nitapahy. ¹⁶Fa nandeha tamy ty loharanon-driaky any va iha? Fa nandeha tamy ty laliky ambany bibiky any va iha? ¹⁷Fa nandatsa taminao va vavahady ty fahafatesa rey? Fa nahita vavahady ty aloky rey ty fahafatesa va iha? ¹⁸Fa nidinihinao va ty fivera ty tany? Volano Ahy, laha hainao iaby zay. ¹⁹Aia ro lala mana amy ty toera fijanona ty fazava any--- manahaky zay ty haiky, aia ty toerany? ²⁰Afaky mitariky ty hazava noho ty haiky amy toeram-pasan-drozy any va iha? Hitanao va ty lala mimpoly mana an-tsanon-drozy any? ²¹Hainao tsy ampisalasala zay, safe fa teraky tamy zay iha; lako le lako vatany ty hisa ty andronao! ²²Fa nilitsy tamy ty tsano fanajaria ty ranomivory ao va iha, na fa nahita ty tsano fanajaria ty havandra va iha, ²³raha ze nihajariko ho amy ty fotoam-pijalea rey, ho amy andro ty aly rey? ²⁴Aia ty lala hipelara ty varatsy na mpitariky manaia anabo ty tany rey eto tsioky baka an-tinana any rey? ²⁵Ia ro nihaly lalan-drano rey ho ahy ty tondrak'ora, ndra ia ro nanoritsy ty lala ty fipoaha ty varatsy, ²⁶mba hampilatsaky ty ora amy tany ze tsy misy olo rey, noho amy ty tany efitsy eny, ze tsy misy ndra ia ndra ia, ²⁷mba hahantanteraha filà tany karakaina noho efitsy rey, ka le hampitimoky ty akata-maintso? ²⁸Mana-baba va ty ora? Ia ro niteraky ty ranoan'ando? ²⁹Sarotson'ia ro niavia ty ranovory? Ia ro niteraky ty zavo baka an-danitsy any? ³⁰Mivony ty rano sady nanjary sahala amy ty vato; nanjary mivonga ty fanambonia ty lalikiny. ³¹Afaky manao forosé rojo amy Kotokelimiadilaona rey va iha, na mamaha ty taly ty telo noho metatsy? ³²Afaky mitariky basia rey mba hiboaky amy ty fotoa tokony ho ie va iha? Afaky mitariky ty Bera miaraky amy anany rey va iha? ³³Mahay ty lalà ty lanitsy va iha? Afaky mampipetsaky ty lalà ty lanitsy anabo ty tany va iha? ³⁴Afaky mampiakatsy feo zisiky amy ty raho any ba iha, mba handrakofa ty ranon'ora-bevata iha? ³⁵Afaky mandefa helatsy va iha mba hafahan-drozy miboaky, mba hivolanana-drozy hozao: 'Ndreto zahay? ³⁶Ia ro nampipetsaky fahendrea tamy ty raho teny na nanome fahazavan-tsay tamy ty zavo? ³⁷Ia ro afaky manisaky ty raho amy ty fahaizany? Ia ro afaky manondraky ty fipetsahan-drano ty lanitsy ³⁸lafa miharo ho fotaky bevata ty lemboky sady mipitiky bongana-tany rey? ³⁹Afaky manambotsy haza ho ahy ty liona vavy va iha na manome fahafaham-po ty hamosary liony tanora rey ⁴⁰lafa manitsaky amy ty fipetrahany ao noho manatsiky amy ty kirihitsy ao ndrozy? ⁴¹Ia ro mamaha haza goaky rey lafa mitoreo amin-Janahary noho mivembe noho ty tsy fahampean-kany anany rey?

Chapter 39

¹Hainao va hoe amy ty fotoa ino ro iteraha ty aosy-li ty anany amy ty lafiham-bato eny? Voadinikinao va lafa miteraky ty anany ty diara vavy? ²Voahisanao va vola handaisa tsoky rey? Hainao va ty fotoa hiterahany anany rey? ³Miondriky ndrozy ka le miteraky ty anany, sady le tampitsy ty faharary ty fiterahany. ⁴Mihamatanjaky noho mitombo amy ty baibo bevata eny anany rey; lasa ndrozy ka le tsy mimpoly sasy. ⁵Ia ro manenga ty boriky-li handeha. Ia ro namaha ty fehy ty ampondra-li, ⁶ze fa nanamboarako toera Araba any, ty tsanony amy ty tanintsira any? ⁷Mihehy am-pikizaha ty tabataba an-tanà ao ie; tsy mahare ty korakoraky mpandroaky rey ie. ⁸Miriorio am-bohitsy fihinanam-bibiny eny ie; ie ro mila ty akata-maintso iaby any hohany. ⁹Ho faly hanompo anao va ty aomby-li? Hanenky ty hijano amy ty fihinana namboary eo va ie? ¹⁰Mahafehy ty aomby-li amy ty taly mba hamaliany ty bongany va iha? Handrava ty loham-baibo ho ahy nao va ie? ¹¹Hatoky azy va iha safe bevata ty heriny? Hiala ty asanao mba hanoviny va iha? ¹²Hiantehitsy aminy mba handay ty varinao an-tsano any, noho hamory ty vary ho amy ty fanaoahanao va iha? ¹³Ty elatsy ty ostritsa le mikopakopaky am-pirengirengy, nefa misy fitiava va ty elany noho ty volony? ¹⁴Safe miala atoliny rey amy ty tany eny ie, sady hengany hafana amy ty lemboky ao rey; ¹⁵halinony fa mety hisy tomboky hanorotoro na mety hisy biby-li hanitsakitsaky androzy. ¹⁶Mampijaly anany rey ie manahaky ty hoe tsy anazy rey; tsy matahotsy ie na le mety ho tsobo avao aza ty asany, ¹⁷safe Njanahary nangalaky taminy ty fahendrea sady tsy manome azy fahaiza. ¹⁸Lafa milailay maré ie, le hihehezany am-pikizaha ty sovaly noho ty mpiondra azy. ¹⁹Moa va nameanao ty heriny ty sovaly? Nampisalotsy ty vozony tany ty volony mihofahofaky va iha? ²⁰Fa nampitseka azy manahaky ty galala va iha? Mampatahotsy ty hahery ty firengirenginy. ²¹Mibisibisiky amy ty heriny ie sady mifalefaly amy ty tanjany; mihoaky malaky hitsena ty kobay-fialiany ie. ²²Mikizaky ty tahotsy ie sady tsy hatahotsy; tsy mihemotsy amy ty meso-bevata ie. ²³Mifioky anilany eo ty anak'ititsy, miaraky amy ty lefo mipelatsy sady ty lefo-boribory. ²⁴Mitely tany amy ty halaginy noho heloky ie; amy ty faneno ty anjomara, tsy tafajano amy ty toera raiky ie. Ndra ombia ndra ombia ro hampitoroa ty anjomara, le hoy ie hozao: 'Aha!' ²⁵Manimbo volo ty aly baka lavitsy any ie--le ty koraky maré ty mpifehy sady ty korakoraky. ²⁶Haka amy ty fahendreanao va ro mampitily ty hitikitiky, ka le hamelalary ty elany ho an-timo any? ²⁷Amy ty bekonao va ro hiakara ty voromahery noho hanamboarany ty tsanony amy ty toera abo? ²⁸Mivoloma amy ty harambato eo ie sady manamboatsy ty tsanony amy ty tsifa ty harambato eo, ze fiarova mahery. ²⁹Baka eny ro hilany ty hazany; mahita androzy baka lavitsy eny ty masony. ³⁰Mino lio avao koa ty anany; ze toera misy fatin'olo, le eny ie."

Chapter 40

¹Sady Yaveh nanohy niresaky tamy Joba; hoy ie hozao: ²"Tokony hanandrama hanitsy ty Tsitoha va ty olo manampaniria handraty? Ie ze mifandahatsy amin-Janahary, le engaho ie hamaly!"³Le namaly an'Yaveh Joba ka le nanao hozao: ⁴"Ingo, tsy misy dikany zaho; nanino ro hamaliako Anao? Abelako amy ty vavako ty tanako." Nivola ndraiky zaho, sady hamaly sasy; eka, indroe, fa tsy hanohy mandilatsy ze zaho."⁶Le namaly an'i Joba tamy ty talio masiaky Yaveh ka le nivola hozao: ⁷"Ampisikino manahaky ty lahilahy ty valahanao, fa hampipetsaky fanontania amina Zaho, le tsy maintsy mamaly Ahy iha."⁸Oa hivola vatany va iha fa tsy marina Zaho? Heloky Ahy va iha mba hivolananao hoe marina iha? ⁹Mana-sandry manahaky ty an-Janahary va iha? Mahay mapikotsokotsom-peo manahaky Azy va iha?"¹⁰Ampisikino voninahitsy noho fahendrea ty vatanao; mipozea Haha noho habevata.

¹¹Aparitaho amy ty miodidy ty mandilatsy ty heloky; henteo iaby mirengirengy rey sady azotso ie. ¹²Henteo iaby ze mirengirengy rey sady sotso ie; hitsaho ambany amy ze itsanganan-drozy eo ty olo raty fanahy. ¹³Aleveno hiaraky amy ty tany eo ie iaby; gadrao amy toera mivony iny any ty tarehin-drozy. ¹⁴Le hanenky ty momba anao koa Zaho fa ty tananao an-kavana avao le afaky mamonjy anao.¹⁵Henteo sady ty Behemota, ze nanoviko manahaky ty nananovako anao avao; mihinana akata manahaky ty aomby ie. ¹⁶Ingo, amy ty valahany eo ty heriny; amy hozatsy rey eo ty sarotsony ty fantanjakiny.¹⁷Manao ty hohiny manahaky ty sedera ie; ty hozatsy ty feny iaby le miharo. ¹⁸Ty taolany le manahaky ty ravaky saba; ty tomboky to manahaky ty bara vy.¹⁹Ie ro bevata amy ty raha nanovin-Janahary. Njanahary raiky avao, ze nanao azy, ro afaky nandresy azy. ²⁰Fa vohitsy rey manome hany azy; biby-li am-baibo eny rey le mihisa mariny eo. ²¹Mipetsaky ambany ty voahirana ao, anay volotara ao ie, anay lakan-drano ao ie. ²²Voahirana rey ro le mandrakotsy azy amy ty alokalokiny; hazomalahelo ty loham-baibondriakybrey ro miodidy azy iaby. ²³Ingo, laha tondraky ty sisiny ty renirano, le tsy halazo ie; matoky ie, ndra le hisavoritaky zisiky anabo ty orony eny aza Jordana. ²⁴Moa misy mahasambotsy azy amy ty firango va, ndra mahatomboky ty orony amy ty fandriky?

Chapter 41

¹Afaky misinto Leviatana amy ty fitana va iha? Ndra mamehy valanorany rey amy ty taly? ²Afaky manisys taly amy ty orony eo va iha, na manindroe ty valanorany amy ty alala ty fitana? ³Hiaritsy mare aminao va ie? Hanao safa moramora aminao va ie? ⁴Hanao fifanenkea aminao va ie, fa tokony ho alanao ho mpiasa zisiky farany ie? ⁵Hihisa hiaraky aminy manahaky ty hiarahanao amy ty voro va iha? Hamehy azy ho ahy ty mpiasanao ampela va iha? ⁶Hialy varotsy aminy va goropy ty mpihaza rey? Hozaran-drozy mba hamily amy mpamarotsy rey va ie? ⁷Mahavita mandrava ty nofotsiny amy ty fiataovam-pihaza va iha na ty lohany amy ty firango? ⁸Apetaho aminy ndraiky eo ty tananao, sady ho tiaronao ty aly sady tsy hanao zay sasy iha. ⁹Ingo, ty fanantena ty olo ze manao zay le vandy; moa va tsy olo holavo amy ty tany noho ty fahita azy avao? ¹⁰Tsy misy olo atsiky heloky ka le mahasaky mihanta Leviatana; ka le, ia sady ro afaky mitsanga anilako eo? ¹¹Ia ro nanome raha Ahy velohany mba handoavako azy? ze iaby ambany ty lanitsy iaby le Ahy. ¹²Tsy hivola mikasiky ty tomboky ty Leviatana zaho, na koa ty raha mahakasiky ty heriny, na mahakasiky ty hasoa vatany. ¹³Ia ro afaky mangalaky fisikinany ambaliky rey? Ia ro afaky militsy ty fiarovany misosoky? ¹⁴Ia ro afaky mamoha varavara ty tarehiny rey--- voahodidy hint rey, ze horohoro? ¹⁵Ty lambosiny le vita amy fiaro misosoky rey, mifanery manahaky ty tampô. ¹⁶Ty raiky tena mifanariny amy ty raiky hafa avao ka le tsy misy tsioky afaky militsy anilan-drozy eo. ¹⁷Mifandray ndrozy; mifampipitiky, zay ro mba tsy hafahan-drozy hisaraky. ¹⁸Ty hazava mitaratsy baka amy ty fierotsiny; ty masonry le manahaky holi-maso rey ty vo marain-dray bibiky. ¹⁹Sady fanilo mirehitsy ro miboaky ty vavany, mpitariky ty pitsik'afo. ²⁰Ty vavanorony ro anay valany anabo afo eo ze nikopaha ho tena mafana. ²¹Ty imbon'ainy le mampirehitsy ty bonganafo ho lasa afo; afo ro miboaky baka amy ty vavany ao. ²²Amy ty vozony ao ty hery; sady ty horohoro ro misindraky alohany eo. ²³Mipitiky ty famaliha nofotsiny rey; mahery biby aminy eo rey; tsy afaky ahetsiky rey. ²⁴Ty fony le mahery manahaky ty vato---eka vatany, mahery manahaky ty fikoseham-bary. ²⁵Lafa manondrotsy ty vatany le, na njanahary rey aza ho hatahotsy; noho ty tahotsy, le mihemotsy ndrozy. ²⁶Laha mamango azy ty meso bevata raiky, le tsy misy dikany zay--- na ty lefo, kititsy, na kobay falia maranitsy hafa. ²⁷Mieritseritsy ie fa manahaky ty lila ty vy, sady manahaky ty hazo lô ty saba. ²⁸Ty kititsy le tsy afaky mampilay azy; lasa lila aminy vato ty amy taly rey. ²⁹Anovo manahaky ty mololo langilangy rey; mihehy amy ty firaondrao amy ty fanilia lefo iny ie. ³⁰Ty tampany ambany le manahaky vakim-balany maranitsy rey; manenga lia-hitsaky amy ty fotaky eo ie manahaky ty fiondrana-vy fikoseham-bary. ³¹Anovo manahaky ty rano mandevy anay valany ty laliky; anovo manahaky ty valany ty hosotsy manitsy ty riaky. ³²Manazava ze nanoviny ie; misy mieritseritsy fa foty volo ty laliky. ³³An-tany eto le tsy misy mitovy aminy, ze niforony mba hiay tsy misy tahotsy. ³⁴Mahita ty raha iaby ze mirengirengy ie; ie ro mpanjaka anabo anany rey ty firengirengy iaby."

Chapter 42

¹Le namaly an'Yaveh i Joba ka le nivola hozao: ²"Haiko fa hainao hanovy ty raha iaby, fa tsy hay sakana ty tanjonanao. ³Ia mamony fikasa tsy amy tyvfahaiza zao?" Eka vatany, nanambara raha ze tsy takatsiko zaho, raha sarotsy takary biby ho ahy, ze tsy mba haiko. ⁴Hoasanao tamiko hozao: 'Mitojeha, amy zao, sady hivola Zaho; hanontany raha aminaio Zaho, sady hivola Amiko iha.' ⁵Naharé ty momba Anao tany ty siosion-dresaky zaho, fa amy zao le mahita Anao ty masoko. ⁶Ka le tsy midary ty safako zaho; mibebaky amy ty lemboky noho lavenoky zaho." ⁷Sady lafa baka nivola safa rey tany Joba le, le hoasa Yaveh tany Elifaza Temanita iny hozao: "Mirehitsy aminaio noho amy namanao roe rey ty halaginiko, fa tsy nivola ty marina momba Ahy nareo, fa tsy nivola ty marina momba Ahy nareo, manahaky ty nanovy Joba mpiasako. ⁸Amy zao, mangala aomby lahy fito noho aondry lahy fito ho ahy ty vatanareo, le mandehana amy Joba any mpiasako, ka le manomeza fanomeza oroa ho ahy ty vatanareo Hivavaky ho anareo i Joba mpiasako, le hanenky ty vavakiny Zaho, mba tsy hamaliako anareo manahaky ty hadalanareo. Tsy nivola ze marina momba Ahy, manahaky ty nanovy Joba mpiasako nareo." ⁹Ka le nandeha sady nanao manahaky ze nibekoa Yaveh androzy i Elifaza Temanita iny, i Bildada iny azy Sohita iny, sady i Zofara Namatita iny, sady Yaveh nanenky an'i Joba. ¹⁰Lafa nivavaky ho ahy namany rey i Joba, le nampolin-Janahary tany velohany ty hananany. Namea Yaveh mitombo mandilatsy ze nananany taloha teo ie. ¹¹Le nandeha taminy tany rahalahiny Joba iaby rey, anabaviny iaby rey— sady nihina niaraky taminy tan-tsanony ao. Niaraky malahelo taminy ndrozy sady nampieny azy ty amy loza iaby ze nalefa Yaveh taminy rey. Samby nanome volafoty maliniky noho peratsy volamena an'i Joba iaby ty olo-iaby. ¹²Nitahy ty andro farany niaina Joba mandilatsy noho ty tany ty velohany Yaveh; nana aondry efatsy arivo noho ray aly ie, rameva eninarivo, aomby arivo raiky, sady boriky vavy arivo raiky. ¹³Nana anaky lahy fito noho anak'ampela telo avao koa ie. ¹⁴Nikaihy hozao Jemima anak'ampelany velohany iny, Kezia faharoe iny, sady ty fahatelo le Kerena-hapoka. ¹⁵Tsy nisy ampela hita ho soa mandilatsy anak'ampela Joba rey tany ty tany iaby. Nanome lova ho androzy mbamy anadahiny rey ty baban-drozy. ¹⁶Tafara zay, le niay 140 tao i Joba; nahita anany rey noho zafiny rey ie, zisiky amy ty tariha efatsy nifamalo. ¹⁷Bakeo le maty i Joba, laha antitsy noho faran'andro.

Psalms

Chapter 1

¹Sambatsy ty olo ze tsy manaraky ty torohevitsy ty raty fanahy rey, na mitsanga amy ty lala miaraky amy ty mpanota rey, na mipetsaky amy mpikizaky rey. ²Le amy i Yaveh ao ro afahany, sady amy ty lalàny ie ro misaintsay andro noho haly. ³Hanahaky ty hazo nambolea tany ty riaky ty rano ze mamokatsy voany rey amy ty fotoany, ze tsy malazo raviny ie, ze iaby hanoviny le ho tahia. ⁴Ty raty fanahy rey le ro tsy zay, fa koa manahaky ty lila ze andesy ty tsioky. ⁵Le tsy hitsanga ho amy ty fitsara ao ty raty fanahy rey, na mpanota rey ho amy ty fiharoa ty marina rey. ⁶Le i Yaveh ro manenky ty lala ty marina rey, le ty lala raty fanahy rey koa ro ho velo.

Chapter 2

¹Nanino ty firenena ro ao anay koronta, sady nanino ty olo ro manao tariky raty mety tsy ho vita? ²Miaraky mitsanga ty mpanjaka ty tany rey sady miarakany mandiniky manohitsy an'i Yaveh noho ty Mesiany ty mpanapaky rey, manao hozao:³ " Engao tsika hanapatapaky rojo vy ze apetsakiny rey amintsika eto sady hanoraky ty rojon-drozy."⁴Ie ze mipetsaky andanitsy any ro hitahy androzy; hikizaky androzy i Tompo. ⁵Bakeo le hivola amin-drozy amin-keloky ie sady hampatahotsy androzy amin-tsiaky, manao hozao:⁶Zaho vatako ro mitonjo ty mpanjakako ao Ziona, vohitsiko masy."⁷Hanambara lalà i Yaveh raiky zaho. Hoy ie tamiko: "Anako iha! Amy ty andro toy ro lasa babanao zaho."⁸Angataho Zao, le hameako anao ho lovanao ty firenena rey sady ho fanananao amy ty faritsy lavitsy biby ty tany rey.⁹Hovakinao amy ty tehim-by, manahaky ty sihoa rey, hanorotoro, rey iha."¹⁰Ka amy zao, mpanjaka, miembena; mahity; ty mpanapaky ty tany.¹¹Mihirà an'i Yaveh amin-tahotsy sady mifalia amy ty fangitikitiky.¹²Orofo ty ananao tsy noho heloky aminao ie, le ho maty amy ty lala ty firenena ty helokiny anay ty fotoa tsy ampy iha. Sambatsy iaby ze mila aloky Aminy ao rey.

Chapter 3

¹Salamo nanovy i Davida, lafa nitsoky an'i Absaloma anany ie. Yaveh, firy fahavaloko rey! Lako ro nitsanga nanohitsy ahy.² Lako ro mivola mikasiky ahy hozao: "Tsy misy fanampia ho ty azy baka amy Njanahary any. Sela³Fa iha, Yaveh, le fiarova miodidy ahy, voninahitsiko, sady azy raiky ze manonjotsy ty lohako rey iny.⁴ Manonjotsy ty feoko amy i Yaveh zaho, sady namaly ahy baka amy ty vohitsiny masy any Ie. Sela⁵Nandry zaho sady niroro; nifoha zaho, safe i Yaveh miaro ahy.⁶ Tsy natahotsy olo lako ze mampanohitsy ty vatan-drozy amiko amy ty zony iaby zaho.⁷Mitsangana,Yaveh! vonjeo zaho, Njanahary! Fa hamango fahavalo iaby rey amy ty nofiko iha;hemsky ty hy raty fanahy iha. ⁸Baka amy i Yaveh ty famonjea. Ho amy ty olo lahy ty fitahia rey. Sela

Chapter 4

¹Ho an'i azy mpipaiky hira iny; amy ty lokanga. Salamo nanovy i Davida. Valio zaho lafa mikaiky, Njanahary ty fahamarinako; amro tsano zaho lafa latsaky an-katerea. Mamalo fo amiko sady janjino ty fivavako.²Olo, zisiky ombia nareo ro vohitsy ty voninahitsiko ho fanalambaraka? Zisiky ombia nareo ro ho tea ze raty noho hanoriky ty vandy? Sela. ³Fe haiko fa i Yaveh ro manoka ze araky an'Janahary ho Azy. Hahare i Yaveh lafa mikaiky Azy zaho.⁴Mangitikitiha amin-tahotsy, fa ka mba manonta! Diniho ampobareo ao amy kitselinareo eo sady engao tsy hivola. Sela ⁵Ameo sorority ty fahamarina rey sady apetsaho amy i Yaveh ty fatokisanao.⁶Lako ro mivola hozao: "is to nampitoro raha soa amintsika?" Yaveh, asonjoto aminah ty mazava ty tarehinao. ⁷Nameanao hafalea bevata mandilatsy tiy ahy ty hafa ty foko lafa lako ty vary noho ty divay vaovao. ⁸Am-piadena ro hadreako noho hiroroako, safe Iha raiky, Yaveh, to mahay ahy hipetsaky tsy mana fisalasala.

Chapter 5H ty azy mpipaiky hira iny; miaraky amy raha-maneno tsiofy rey. Salamo nanovy i Davida.

¹ Janjino ty kaikiko Aminao, Yaveh; diniho fitorevako rey.² Janjino ty feo ty kaikiko, Mpanjakako noho Njanahariko, le Aminao zaho ro mivavaky.³ Yaveh, mahare ty toreoko Iha amy ty maray; Mandesa ty fangatahako Aminao zaho amy ty maray sady mandiny manantena.⁴ Njanahary tsy nanenky ty raty vatany Iha; tsy ho vahininao olo raty rey.⁵ Ty mpiavonavo le tsy hitsanga amy ty famonjeanao eo; halanao ze mana fandaisam-bata raty rey.⁶ Hampitoto mpavandy rey Iha; Yaveh ro manao tsinotsino ty heriloha noho olo mpamitaky rey.⁷ Fa laha ty amiko, noho ty habevata ty fanenkeanao matoky, ro heavy an-tsano ao Zaho; am-panaja ro hionjehako aloha ty fiangonanao masy.⁸ Tompoko, tariho amy ty fahamarina zaho noho fahavaloko rey; anovo mahity alohako ty lalanao.⁹ Fa tsy misy fahamarina amy ty vavan-drozy eo; raty ty tanan-drozy ao, polo mivoha ty vozon-drozy; malemy ndrozy amy ty fivolanany.¹⁰ Ambarao ho meloky ndrozy, Njanahary; engao harava androzy ty safany! Aboaho amy fandika lalàny lako ndrozy, safe niharo hanohitsy Anao.¹¹ Fa enganie hifaly iaby ze mialoky Aminao rey; engao ndrozy hihoaky ampifalea safe niaro androzy Iha; engao hifaly Aminao ao ndrozy, ro ze tea ty anaranao rey.¹² Fa hitahy ty marina Iha, Yaveh; hiodidy androzy amy ty sitsaky manahaky ty amy ty fiarova Iha.

Chapter 6

¹Ho ahy ty mpipaiky hira; amy ty lokanga, nanovy tamy ty fomba ty Al-shasheminith. Salamo nanovy i Davida.² Yaveh, mba ka hamango ahy amy ty elokinao na manasazy ahy amy ty halagininao. Mamaloza fo amiko, Yaveh, fa osa zaho; afaho zaho, Yaveh, fa mangitikitiky taolako rey.³Tena malahelo avao koa ty fanahiko. Fe Iha, Yaveh--- zisiky ombia ro hitohiza zay?⁴ Mimpolia, Yaveh! vonjeo noho ty famonjeanao matoky zaho! ⁵Fa tsy misy fahatiarova Anao amy ty fahafatesa any. Ia ro hisaotsy Anao amy ty fiay-tsy hita any?⁶Vozaky ty fiaiko zaho. Le ty ranomasoko ty fandreako isaky haly; manasa ty fandreako amy ty ranomasoko zaho. ⁷Lany ty alaheloko ty masoko; avy tsy manan-kery ndrozy noho ty fahavaloko iaby rey.⁸Mialà amiko, nareo mpanao raty iaby; fa Yaveh fa naharé ty feo ty fitaniako. ⁹Fa naharé ty kaikiko ho ahy ty famalozam-po i Yaveh; Fa nandramby ty vavako i Yaveh. ¹⁰Ho menatsy noho hikoronta ty fahavaloko iaby. Hitoliky ndrozy ka ho ambania tampoky.

Chapter 7

¹Moziky noforon'i Davida, ze nahirany ho ahy Yaveh mikasiky rey ty safa i Kosa azy Benjamita. Ry Yaveh Nanahariko, mialokyAminao ao zaho! Afaho amy ze manennjiky ahy zaho, sady vonjeo. ²Laha tsy zay, habidabidan-drozy manaky ty lion zaho, romoromotiny tsy misy olo afaky handay fiarova ho tiahy.³Ry Yaveh Njanahary lahy, tsy mbo nanao ze nivolany ty vahavaloko rey ho nanoviko mihintsy zaho; tsy misy ha-to amy ty tanako eo. ⁴Tsy mbo nanao raty tany ndra ia ndra ia soa filongoa tamiko zaho, ndra nanisy raty ze nanohitsy ahy amy ty tsy misy dikany.⁵Laha tsy mivola ty ha-to amiko le engaho ty vahavaliko hanenjiky ty aiko sady hanbotsy zay; engaho ie hanitsaky ty vatako mbo velo amy ty tany sady hampatory ty voninahitsiko amy ty lemboky. Sela⁶Mitsngana, lahy Yaveh, amy ty helokinao; miongaha aloha ty heloky ty vahavaloko rey; fohaza hagnampy ahy noho hanantanteraky ty lily to ze fa nandidiana ho androzy. ⁷Mivory mihodidy anao ty firenerena rey; alao ndraiky ty fipetrahanao to amin-drozy.⁸Ry Yaveh, tsarao reo firenena; hamarino zaho, lahy Yaveh, safe to noho tsy mana- tsiny zaho, lahy Anabo biby. ⁹Eganie hijano ty asa raty ty raty fanahy. fa engako reo olo-to, lahy Njanahary, ze mandiniky ty fo noho ty vetsivetsy.¹⁰Baka amy Njanahary ty fiarovako, azy toka ze mamonjy ty mahity am-po. ¹¹Mpitara to Njanahary, le zy njanahary meloky san'andro.¹²lafa tsy mifona ty olo raiky, horaniry ty Njanahary ty mesobeny sady hihentsy ty kititsiny ho amy ty aly. ¹³Mihentsy ty fampiasa ty fitaovam-pialia reo hanohera azy Ie; anoviny mandrengirengy kititsiny reo novereverea.¹⁴eritssereto ty mikasiky ty trony ty faharatia, ze manao hevitsy handrava, ze miteraky vandy mampilitsy loza. ¹⁵Mihaly lavaky fangala rano ie sady sady mandalaky zay sady latsaky ay ty lavaky ze naonviny tao ie. ¹⁶Mimpoly an-dohany avao koa rey figniria hanimba, safe ty heriloha le mivahatsy an-dohany ao avao. ¹⁷hisaotsy ahy Yaveh noho ty ha-to ty faharinany zaho; hihira fanompoa ho ahy Yaveh Anabo biby zaho.

Chapter 8

¹Ho ahy ty mpipaiky hira, nanovy tamy ty fomba i Al-hagitith. Salamo nanovy i Davida. Yaveh Njanaharinay, henteo ty hasoa ty anaranao amy ty tany iaby eo, Iha ze mampitoto ty voninahitsinao anabo lanitsy eny. ²Baka amy ty vava ty aja kelikely noho ty aja ro fa namoronanao fihirà noho ty amy fahavalonao rey, mba tsy hampivolany ty fahavalo noho ty mpamaly faty³Laha miandra ty lanitsinao zahi, ze nanovy ty ratsan-tananao, ty vola noho basia rey, ze nenganao tamy ty toerany,⁴ ino moa ty olo ro hitiarova azy, na ty olombelo ro hiraharahanao androzy? ⁵fe nanovinao ambanimbany mandilatsy ty raha-mananay eny an-danitsy any ndrozy sady nampisatsohinao voninahitsy noho haja.⁶Anovinao mpanapaky amy asa-tananao rey eo ie; nanovinao tambany tombony eo ty raha iaby: ⁷ty aondry noho ty aosy noho ty aomby, sady ze biby iaby amy ty baibo ao, ⁸voro amy ty lanitsyeny rey, noho fia andriaky any rey, ty raha iaby ze mandalo amy ty lalan-driaky eo.⁹Yaveh Tomponay, henteo ty hasoa ty anaranao amy ty tany iaby eo!

Chapter 9

¹o ahy ty mpipaiky hira, nanovy tamy ty fomba ty Almoth-laben. Salamo nanovy i Davida. Hanome fisaora an'i Yaveh amy ty foko iaby zaho; hanambara ty asa mahatseriky nanovinao zaho; ²Hifalifaly aminaon'ao zaho; hihira fihirà ho ahy nareo zaho, Abo biby!³Lafa mimpoly ty fahavaloko, le heloky noho maty aloha Nao ndrozy. ⁴Le fa niaro ty rariny Iha; mipetsaky amy ty seza fipetrahanao Iha, mpitsara marina!⁵Le fa nivola mare ty firenea rey Iha; le fa nandrava ty raty fanahy rey Iha. Le fa nifafanao zisiky farany tena farany ty anaran-drozy. ⁶Nirobaky manahaky ty faharava ty fahavalo rey laha nandrava ty tanan-drozy Iha. Tsobo ty fahatiarova androzy iaby.⁷Fa mipetsaky zisiky farany Yaveh, nampipetsaky ty seza fipetrahany ho amy ty fahitia Ie. ⁸Hitsara ty tany amy ty fahamarina Ie, sady hampiasa fitsara ho ahy ty firenea amy ty rariny Ie.⁹Ho fiarova mahery ho ahy ty nampijalia rey avao koa Ie, ho fiarova mahery amy ty fotoa sarotsy. ¹⁰Ze mahay ty anaranao rey ro matoky Anao, fa Iha, Yaveh, tsy niala ze mila Anao rey.¹¹Mihirà fihirà ho ahy Yaveh, ze manapaky ta Ziona ao; asisio amy firenea ze nanoviny rey. ¹²Fa Njanahary ze mamaly fandatsaha- lio ro mahatiaro; tsy manalino ty fitoreva ty mijaly rey Ie. ¹³Mamaloza-fo amiko, Yaveh; henteo ty fijalia ze malay ahy rey, Iha ze afaky nisinto ahy ambaravara ty fahafatesa.¹⁴Henteo, te hanisisy ty fihira Anao iaby zaho. Ambaravara ty anak'ampela i Ziona eo ro hifaleako amy ty famonjea!¹⁵Nilentiky tamy ty lavaky ao ze nanovin-drozy ty firenea rey; tsatsy tamy ty harato ze nanovin-drozy tao ty tombony.¹⁶Nampahay ty vatany i Yaveh; napitro fitsara Ie; voafandriky tamy ty nanoviny avao ty raty fanahy rey. Sela¹⁷Namea lambosy ty raty fanahy sady nalefa tamy ty fiay-tsy hita any, ty anjara ty firenea iaby ze manalino an'Janahary. ¹⁸Fa mijaly rey ro tsy ho halino mihintsy, ty fanantenà ty mijaly koa le tsy ho tsobo zisiky farany.¹⁹Mitsangana, Yaveh, mba ka enga habdresy Anao ty olo; enganie firenea rey hitsar aminaon'ao. ²⁰Horohorò ndrozy, Yaveh; enganie ho hay ty firenea iaby fa olo avao ndrozy. Sela

Chapter 10

¹Nanino, Yaveh, ro mijano lavitsy eny Iha? Nanino ro mamony ty vatanao amy ty fotoa sarotsy Iha? ²Noho ty avonavon-drozy, ty mijaly le hiany ty raty fanahy; fe engaho lahy ty raty fanahy ho voafandriky ty eritseritsindrozy ze nidinihin-drozy avao. ³Fa olo raty fanahy rey le mirengirengy ty amy ty faniriany laliky rey; mitahy ze tea jala rey ie sady mandratiraty an'i Yaveh. ⁴Nanonjo ty tarehiny ty raty fanahy; tsy nila Njanahary ie. Tsy mandiniky ty momba Njanahary mihitsy ie safe tsy miraharaha ty momba azy vatany. ⁵Voaaro amy ty fotoa iaby ie, fe ty lilinao vatany ro abo biby ho ty azy; mierotsy amy fahavalony iaby rey ie. ⁶Mivola am-pony so ie hozao: "Tsy ho lavo zisiky farany zaho; zisiky ty tarihako ro iaby tsy hahita fijalia." ⁷Atsiky ozo noho fitaky, safa mampilitsy loza ty vavany; mandratsy noho manoro ty lelany. ⁸Nandigny nivony tanila tana teo ie. Amy fitoera mivony rey ty namonoany ty tsy mana tsiny; mila ty niazondraha; tsy afaka manohitsy ty masony. ⁹Mivony amy ty mangiky manahaky ty lion anay ty akata ie; manambotsy ty malahelo ie lafa misinto ty haratony. ¹⁰Ty azony le nipotepotehany sady nnivangoany; nilatsiky tanay ty harato bevatany ndrozy. ¹¹Mivola anay manao hozao ie: "Fa nihalino Ndranahary; nandomboky ty vatany Ie, tsy sahirahagnety ahy sasy Ie." ¹²Mitsangana, lahy Yaveh! Ampiakaro ty tananao, Ndranahary o! Ka halinonao ty mijaly. ¹³Nanino ro tsy manenky an-Dranahary ty olo raty fanahy sady mivola hozao anainy ao: "tsy hitanjaky ahy ho tompo'ndraikitsy va iha"? ¹⁴Fa nahare filaza iha, fa hitanao avao ze azo ty fijalia noho ty alahelo. Miankina aminao tsy mana rey; mpamonjy ty kamboty Iha. ¹⁵Tapaho ty sandry ty raty fanahy noho ty lo raty. Anovo ho mivaly aminy ty raty nanoviny ie, ze nieritreretiny ho tsy nihitanao. ¹⁶Mpanjaka zisiky amparany Yaveh; norambesinao tany taniny teo firenena rey. ¹⁷Fa nahare ty toreo ty mijaly lahy Iha, mampahery ty fondrozy Iha, janjino ty vavakan-drozy; ¹⁸miaro ty kamboty noho ty mijaly Iha le tsy hisy olo anabo ty tany hanerisery ndraiky.

Chapter 100Salmo fanomeza fisaora.

¹Mihira fifalia an'Yaveh, ry tany iaby. ²Manompoa an'Yaveh amy ty fifalia; mandina anatrehany eo amy ty fihira fifalia. ³Fantaro fa Yaveh ro Ndranahary; namboatsy antsika Ie, sady Tiazy tsika. Olony sady aondry ty fihinana ty akatany. ⁴Milira amy ty vavahadiny amy ty fanomeza fisaora sady amy ty kianjany amy ty fanompoa. Manesea fisaora ho Tiazy sady tompo ty Anarany. ⁵Fa soa Yaveh; maharitsy mandrakizay ty famalozam-pony sady heniky ty tariha iaby rey ty hatony.

Chapter 101

¹Salamo nanovy Davida. Hihira ty fanenkea mahatoky noho ty hato zaho; ho Ahinao, lahy Yaveh, hihira fanompoa zaho.²Handeha amy ty lala to zaho. Ee, ombia lha ro ho avy amiko atoy? Handeha amy ty fahitia amy ty tranoko zaho.³Tsy hanisy fahdisoa aloha ty masoko zaho; malay ty raty tsy soa zaho; sady tsy ho tanjahako zay.⁴Hanenga ahy ty mpamadika; tsy hankasitraky ty raty zaho,⁵Ho ravako ze manasarasara ampahangina ty namany. Tsy handefitsy amy ty olo ze mana toetsy mievotsevotsy noho ty toen-tsay miavonavo zaho.⁶Hanenty ty olo atokisa amy ty tany eo zaho mba hipetraky anilako eo. Ze mandeha may lala to ro mahazo manompo ahy.⁷Tsy hipetraky an-tranokao ty olo mpamerivery; tsy ho tongasoa alohako ty masoko eo ty mpavandy.⁸Saky maray ro handravako ty raty fanahy iaby amy ty tany; halako baka amy tana Yaveh ty mpanao raty iaby.

Chapter 102Ty fivavaha ty mijaly lafa vozaky ie sady mandraraky ty fitoreony aloha Yaveh.

¹Janjino ty fivavahako, lahy Yaveh; janjino ty toreoko Aminao. ²Ka avony amiko amy ty andro fijalia ty vatanao. Janjino zaho. Lafa mikaiky Anao zaho, le mba valio malaky lahy. ³Mandrio manahaky ty setroky ty androko, sady mandoro manahaky ty afo ty taolako. ⁴Potipotiky ty foko, sady manahaky ty akata malazo zaho. Haliniko ty homan-kany. ⁵Noho ty alaheloko saky haly, le nanjary salapio mare zaho. ⁶Manahaky ty samy anefitsy any zaho; niova manahaky ty vorondolo an-tana tsy misy mpipetraky. ⁷Tsy azon-droro manahaky ty voro mandeha raiky zaho; raiky avao an-tapo ty trano. ⁸Mivola raty ahy vahavaloko rey saky sanandro lava zao; azy manakiotsy ahy rey mampiasa ty anarako ho fanozona. ⁹Manahaky ty mmofo ro fihinanako ty lavenoky sady aharoko amy ty raha inomako ty ranomasoko. ¹⁰Noho ty halakoa ty helokinao, ro nanondrotanao ahy mba hampiravoky ahy. ¹¹Manahaky ty aloky malazo ty androko; sady malazo manaky ty akata zaho. ¹²Fe Iha, lahy Yaveh, le velo mandrakizay, sady hoahy ty tariha iaby ty lazanao. ¹³Hitsanga iha le ho ferinesanao i Ziona. Zao ro fotoa hiferinesanao azy; avy ty fotoa nitinginy. ¹⁴Fa azy mpanomponao rey le mitanjaky vato teany rey sady malahelo ty fasiky ty faharariany. ¹⁵Hanja ty anarano firenena rey, lahy Yaveh, sady hanondrotsy ty voninahitsinao ty mpanjaka ty tany iaby. ¹⁶Hanamboatsy an'i Ziona ndraiky Yaveh le hiseho aminy ao ty voninahitsiny. ¹⁷Amy zay fotoa zay, le hamaly ty fivavaha ty mijaly ie; tsy handa ty fivavahandrozy Ie. ¹⁸Hosorata hoahy ty tariha ho avy zay, sady ty olo mbo tsy teraky le hanompo an'Yaveh. ¹⁹Fa niondriky nanenty baka amy ty anbony masy Ie; baka andanitsy anyYaveh ro mijilo ty tany, ²⁰mba hahare ty fisentoa ty gadra, hanabotorta azy nosazia ho maty rey. ²¹Le hanambara ty anara Yaveh a Ziona noho a Jerosalema ty olo ²²lafa miaraky mivory mba hanompo an'i Yaveh olo rey noho ty fanjaka rey. ²³Fa nala tamiko tanivo ty fiainako ty heriko. Nohaboria ty androko. ²⁴Hozao tiasako: "Ndranahary lahy, ka ala anivo ty fiainako zaho; fa heniky ty tariha iabby eo Iha. ²⁵Taloha Iha nanenga ty tany tany ty polasiny; asa ty tananao ty lanitsy. ²⁶Ho rava rey, fa Iha ro hipetraky; hanjary antitsy manahaky ty siky iaby rey; manahaky ty salotsy, ho alanao rey, le hanjavo. ²⁷Fe Iha tsy hiova, sady tsy misy fahatamperany ty taonao. ²⁸Ty anaky ty mpanomponao rey ho velo, sady ho velo aminy fanatrehanao eo ty tarihandrozy."

Chapter 103Salamo nanovy Davida.

¹Hanompo an'Yaveh zaho amy ty fiaiko iaby, noho ze kila raha iaby anaiko ato, hanompo ty anarany masy zaho. ²Amy ty fiaiko iabby ro hanompoako an'Yaveh, sady hahatiaro ty asany soa iaby zaho. ³Engany iaby ty fahadisoanao ; Mitsabo ty aretiana iaby Ie. ⁴Manavotsy ty ainao amy ty faharava Ie; Mandoboky fanenkea mahatoky anao Ie sady vatany miferinay. ⁵Manao ze mahafa-po ty fiainanao amy ty raha soa Ie mba ho vao manahaky ty voromahery ndraiky ty fahatanoranao. ⁶Manao ty rariny Yaveh sady manao ty asa ty hato hoahy ty mijaly iaby. ⁷Nampahaizany an'i Mmosesy ty lalany, sady amy ty tariha Israely asany rey. ⁸Mandefitsy noho miferinay Yaveh; tsotra; sady lako fandefera. ⁹Tsy hanasazy ziski amparany Ie; sady tsy hombia ho meloky. ¹⁰Tsy manao antsika ze sahaza ty fahotantsika Ie ndra mamaly antsika araky ze takia ty otantsika. ¹¹Manahaky ty hahabo ty lanitsy anabo ty tany, ro habe ty fandeferany amy azy manome voninahitsy Azy. ¹²Manahaky ty halavitsy ty antinana amy ty andrefa, le zay ty halavira ty hangalany ty hadisoa ty fahotantsika amitsika. ¹³Manahaky ty baba miferinay ty anany, ro iferinesa Yaveh azy manome voninahitsy Azy rey. ¹⁴Fa hainy ty nanamboarany antsika; hany fa posiera tsika. ¹⁵Laha amy ty olo, le manahaky ty akata ty androny; mitiry manahaky ty folera ambaibo ie. ¹⁶Tiofy ty tioky zay, le manjavo, sady tsy misy ndra ia ndra ia afaky mivola hozao nitiry taia zay taloha. ¹⁷Fe ty fandefera Yaveh le baka amy maharitsy mandrakizay baka amy maharitsy mandrakizay ho amy ze manome voninahitsy Azy. Miitatsy amy ty tarihandrozy any ty hatony. ¹⁸Midary ty fanenkeany noho mahatiaro ty fanoriha ty fampianarany rey ndrozy. ¹⁹Fa nampipetraky ty sieza fiadanany andanitsy any Yaveh, sady manjaka may olo iaby ty fanjakany. ²⁰Manompoa an'Yaveh, nareo anjeliny, nareo maheriny ze matanjaky noho manao ty safany, sady manoriky ty feo ty safanay. ²¹Manompoa an'Yaveh, ry miaramilany iaby, nareo mpanompony ze nanatenteraky ty sitrapony. ²²Manompoa an'Yaveh, ry raha iaby namboariny, amy ty toera iaby ze anjakany any. Hanompo an'Yaveh amy ty fiainako iaby zaho.

Chapter 104

¹Hanompo an'Yaveh amy ty fiaiko iaby zaho, lahy Yaveh Ndranahariko o, le vatany soa mare Iha; misafotsy fipiriahny ty voninahitsy Iha. ²Atsiky fahazava ho fisafora Iha; Avelatsinao manahky ty lamba ty lay ty lanitsy. ³Nenganao tamy ty raho ty andry ty tranonao; nanovinao ho kalesinao ty raho; mandeha amy elatsy ty tsioky eo Iha. ⁴Naharony ho raiky ty tsioky, ho mpanompo ty lela ty afo. ⁵Nampipetraky ty fanambania ty tany Ie, le tsy ombia hiozohozo mihintsy zay. ⁶Manahaky ty salotsy ro nandongofanao ty tany tamy ty rano; nandifitsy ty vohitsy ty rano. ⁷Ty fivolananao mare ro nampimpoly ty rano; tamy ty faneno ty fikotrokotriky ty feonao ro nampilay rey. ⁸Nitsanga vohitsy rey sady baibo rey nibay tamy ty toera ze fa nivolaninao ho tiahindrozy. ⁹Nanoritsy sisiny ty tany hoahindrozy Iha mba tsy hihoarany ; le tsy handomboky ty tany sasy rey. ¹⁰Nampikororoky ty loharano tamy ty baibo Ie; mikororoky anelanela ty vohitsy ty rian-drano. ¹¹Manday rano hoahy ty biby iaby am-baibo rey; le tsy marandrano ty apondra ly. ¹²Mamboatsy ty tranonyanila ty rinirano voro rey. Mihira amy ty sam-pan-kazo ndrozy. ¹³Manondraky ty vohitsy baka amy fasia ty ranony an-danitsy any Ie. Atsiky ty vokatsy ty asany ty tany. ¹⁴Mampitiry akata hoahy ty biby fihary noho fambolea hoahy ty olo ho velo Ie mba hahaza ty olo mamokatsy sakafo amy ty tany. ¹⁵Manamboatsy divay ho hifalia ty olo Ie, soliky mba hampipiriaky ty vatany, sady hany mba hanohana ty ainy. ¹⁶Azy hazo tiahy Yaveh rey le voatondraky ty ora lako; le azy sedera i Libanona ze namboleany. ¹⁷Eo ro anamboara ty voro ty tranony. Ty voro maliniky manao ty hazo Kypreso ho fipetrahany. ¹⁸Ty aositany ly mipetraky amy ty vohitsy anabo; sady ty hahabo ty vohitsy ro fialofa ty hyraka. ¹⁹Natondro ty vola ho mariky ty fotoa Ie; hay ty mahasoandro ty fotoa hilentehany. ²⁰Nanovinao ty maiiky ty haly lafa miboaky iaby ty biby an'ala any. ²¹Mierotsy ho tiahy azony ty liona tanora rey sady mila ty haniny baka amy Ndranahary. ²²Lafa miboaky ty mahasoandro, le miala ndrozy le miroro amy ty lavakiny any. ²³Zisiky amy fotoa zay, ty olo miboaky amy ty asany noho miasa zisiky ty hariva. ²⁴Yaveh lahy, ee ty halakoa ty karaza ty asanao rey! Nanovinao tamy ty fahendrea ndrozy iabby; henity ty asanao ty tany. ²⁵Ingo ty riaky, laliky sady bevata, mihetsiketsiky miarakany amy ty kila raha tsy hay hisafy, ndra maliniky ndra bevata. ²⁶Mandeha eo sambo rey, sady mbo ao avao koa ty Leviatana, ze nanoviana hihisa amy ty riaky. ²⁷Manenty Anao iaby ndrozy mba hanome ty haniny saky sanandro. ²⁸Lafa manome rey Iha, le mivory ndrozy; lafa mamoha ty tananao Iha, le afa-po ndrozy. ²⁹Lafa mamony ty vatanao Iha, le mavaka ndrozy; lafa alanao ty aindrozy; le maty rey le manjary posiera. ³⁰Lafa mandefa ty fanahinao Iha, le misy rey, le manasoa ty tany ndraiky Iha. ³¹Haharitsy mandrakizay lahy ty voninahitsy Yaveh, hahazo tombony ty hariny lahy Yaveh. ³²Miondriky manenty ty tany Ie, le mihozohozo zay; mikasiky ty vohitsy rey Ie; le setroky zay. ³³Hihira hoahy ty Yaveh amy ty fiainako iaby zaho; hihira fanompoa hoahy ty Ndranahariko zaho lafa mbo velo avao. ³⁴Ho mamy aminy lahy ty fisainako; hifaly amy Yaveh zaho. ³⁵Hanjavo an-tany eto lahy ty mpanota rey, Hanompo an'Yaveh amy ty fiaiko iaby zaho. manompoa an'Yaveh.

Chapter 105

¹Misaora an'Yaveh, kaiho ty anarany; ampahaizo ty firenena rey ty asany. ²Mihira ho tiazy, mihira fidera ho tiazy; ambarao iaby asany mahatserikiny rey. ³Merengerengea amy ty anarany masy; engaho ty fo azy mmila an'Yaveh rey hofaly. ⁴Mila an'Yaveh noho ty heriny; ilao mbaombao ty fanatrehany. ⁵Tiarovo ty raha mahatseriky fa nanoviny rey, fahatsereha noho ty lala baka ambavany ao rey, ⁶nareo tariha i Abrahama mpanompony, nareo olo i Jokoba, olo notingininy. ⁷Ye ro Yaveh, Ndranaharitsika. amy ty tany iaby ty liliny. ⁸Anoviny an-tsay mandrakizay ty fanenkeany, le ty safa ze nodidiany hoahy ty tariha anarivo. ⁹Mahatiaro ty fanenkeany ze nanoviny tany Abrahama noho ty fiainany tany Isaka Ie. ¹⁰Zay ro nafepetsiny tany jakoba ho lily noho tany Israely ho fanenkea maharitsy mandrakizay. ¹¹Hozao tiasany: "Hameako ho anjara lovanareo ty tany Kanana." ¹²Nivola zay Ie tany ndrozy mbo tsy ampy, le vatany mbo tsy ampy, sady mbo vahiny tany tany zay tao. ¹³Nikarikarioky tany firenena rey noho baka amy fanjakana hoamy ty hafa ndrozy. ¹⁴Tsy nengany hampiajia ndra ia ndra ia ndrozy; nanisinisy ty mpanjaka lako Ie noho ty amindrozy. ¹⁵Hozao tiasany: "Ka tsapa ty olo nohosorako, sady ka mannisy raty mpaminaniko rey." ¹⁶Nikaiky mosary ho amy ty tany Ie nanapaky ty fanandesa mofo iaby Ie. ¹⁷Naniraky ty olo handeha aloha androzy Ie; navarotsy ho andevi i Josefa. ¹⁸Nafehiny tany ty taly vy ty tombony; tany vozony nasiany rojo vy, ¹⁹zisiky hahatanteraky ty safany, sady nitsapa azy ty safa Yaveh. ²⁰Naniraky ty mpanompony hanafaky azy Yaveh; nanafaky azy ty mpanampaky ty olo. ²¹Nanoviny niamby ty tranony ho mpanampaky ty hanagnany iaby ie. ²²mba hampianatsy ty pamjakany araky ty iriny noho hampianatsy fahendrea loholony rey. ²³Le nandeha ta Egipta Israely, le nivahiny ta Hama tany i Jakoba. ²⁴Nampamokatsy ty olony Yaveh, sady nampatanjaky androzy mandilatsy ty fahavalony. ²⁵Nanoviny malay ty olony ty fahavaandrozy, mba hampijaly ty mpanompony rey. ²⁶Naniraky an'i Mosesy, mpanompony, noho Arona, ze fa nitingininy Ie. ²⁷Nanatanteraky famantarany rey tany Egyptiana ndrozy, azy fahatsereha rey tany tany Hama tao. ²⁸Nasiany maiiky noho nampamaiiky ty tany Ie, fe tsy nanoriky ty liliny ty olo tao. ²⁹Navalikiny ho lio ty ranondrozy Ie sady namono ty fiany. ³⁰Atsiky traboketra ty tanandrozy, ndra ty tanefitsy ty trano ty mpannjaka aza. ³¹Nivola hozao Ie, le nanjary heniky ty tanandrozy ty reny ty lalitsy noho ty moka. ³²Navalikiny ho avandra ty orandrozy, niaraky tany ty afo mibelaky tany taniny teo. ³³Niravany ty voaloboky noho ty hazo ty aviavy ndrozy; nniravany ty hazao tanandrozy rey. ³⁴Nivola Ie, le niavy ty valala, valala lako mare. ³⁵Lany valala rey iaby ty raha mitiry tany ty tanandrozy; lanindrozy ty vokatsy ty tany iaby. ³⁶Novonoany ty talan'olo lahilahy iaby tany tana tao, ty veloha ty vokatsy ty herindrozy iaby. ³⁷Nandesiny niboaky niaraky tany ty volamena noho ty volafoty Israelita rey; tsy tany ty fokoany ro toitsy tan-dala teny. ³⁸Falifaly Egyptiana rey lafa nandeha ndrozy, safe navaka androzy Egyptiana rey. ³⁹Nampiparitaky ty raho ho fandongofa Ie sady nanao afo ho fahazava ty haly. ⁴⁰Nangataky hany Israelita rey, le nanandesany papelika sady nanoviny ho afa-po tany ty mofo baka an-danitsy any. ⁴¹Namaky ty lafiam-bato ie, le nikororoky teo ty rano; nikororoky tanefitsy manahaky ty rano be rey. ⁴²Fa nahatiaro ty fampitamany masy ze nanoviny tany Abrahama mpanompony Ie. ⁴³Notarihany niaboaky tany ty fiafaliany ty olo; tany ty korakim-pandresea ty olo notingininy. ⁴⁴Nanome androzy ty tany ty fiirenena; nangalaky hanagna tany hanagna ty olo rey ndrozy. ⁴⁵mba hidareany ty liliny noho hanorihany ty lalany. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 106

¹Misaora an'Yaveh, fa soa Ie, fa maharitsy mandrakizay ty fandeferany. ²Ia ro afaky hanisa ty sa bevata ze nanovy Yaveh rey ndra hitanisa iaby asa maeva hiderany? ³Hotahia lahy ze manao ty to, noho ze manao asa to saky sanandro. ⁴Tiarovo zaho, lahy Yaveh, lafa mampiseho sitraky amy ty olo Iha; ampio zaho lafa mamonjy androzy Iha. ⁵Sady le nahita ty fiarova ty notingininao rey zaho, ho faliahy amy ty fifalia ty firenenao noho hanome voninahitsy amy ty lovanao. ⁶Nanota manahaky ty razanay zahay, nanao tsy nety zahay, sady nahavita raty. ⁷Tsy nenkea ty razanay rey asa soa nao ta Egipta rey; tsy nahoany ty halakoa ty fandeferanao ndrozy; le nialy tandriaky eny tamy riaky mena teny. ⁸Ndra zay aza, novonjeny ndrozy noho ty anarany mba hahazany manoro ty heriny. ⁹Nivolaniny mare ty riaky Mena, le ritsy zay. Le nitao androzy nanapaky ty laliky Ie, manahaky ty nanapahany ty efitsy. ¹⁰Namonjy androzy tamy ty tana ze nalay androzy rey Ie, sady nanavotsy androzy tamy ty tana ty fahavalo. ¹¹Fa nalentiky ty rano ty vahavalondrozy; tsy nisy ndra raiky tamindrozy rey ro avaky. ¹²Le nino ty safany ndrozy, le nihira fanompoa Azy. ¹³Fe tsy elaa nihalinondrozy ty raha nanoviny; tsy niamby ty hevitsiny. ¹⁴Nazoto nila tanefitsy tany le nanjary handilatsy an-Dranahary tanefitsy tany. ¹⁵Le nameeany ty fangatahany, fe nandefa arety handany ty vatandrozy Ie. ¹⁶Tan-toby tany le nialo an'i Mosesy noho i Arona, mpisoro masy tiahy Yaveh, ndrozy. ¹⁷Nivoha ty tany le nitely an'i Datana sady nandomboky mpanoriky an'i Abirama rey. Nirehisy tamindrozy ty afo; ¹⁸le nandrava ty raty fanahy. ¹⁹Le namboatsy anak'aomby lahy ta Horeba tao ndrozy le nanompo ty sari-ndraha vy. ²⁰Nasolondrozy sary aomby lahy namboary ze mihina akata maintso ty voninahitsy Ndranahary. ²¹Nihalinondrozy ty Ndranahary Mpamonjy androzy, azy nanao asa bevata ta Egipta tany. ²²Nanao raha soa mahatandre tan-tana i Hama noho raha mahery tamy riaky Mena Ie. ²³sady nandidy ty fandrava androzy rey Ie, laha tsy Mosesy, azy nitingininy, ty vata-tena tamy ty fanapaha mba hampiova ty helokiny amy ty fandrava androzy. ²⁴Le tsy mampisiandrozy dikanay ty tany mahavokatsy; tsy natoky ty fampitamaniny ndrozy; ²⁵fa nimenomeno tan-daindrozy, sady ty nanoriky an'Yaveh. ²⁶Lafa zay le nampitsanga ty tanany ie sady nifanta tamindrozy fa henenga androzy ho maty anefitsy any, ²⁷hampiritaky ty tarihandrozy rey heniky ty firenena rey sady hampiparitaky androzy amy ty tany hafa. ²⁸Nanompo an'i Bla Poera ndrozy sady nihina ty soro nasesy hoahy ty maty. ²⁹Nilà Azy ho meloky tamy ty fihetisky ndrozy, le nahazo androzy ty arety mamono. ³⁰Le vta-tenany Fineasa ro nitsanga, le nieny rty arety mamono. ³¹Anay ty asa to ho tiazy mandrakizay zay zisiky amy ty tariha fifanolo. ³²Nahameloky an'Yaveh avao koa ndrozy tamy rano ahy Meriba teny, le nijaly i Mosesy noho ndrozy. ³³Nampijaly an'i Mosesy ndrozy, le nivola mare ie. ³⁴Tsy nandrava ty firenena araky ty nandidian'Yevah ndrozy, ³⁵fe ndrozy niharo tamy ty firenena rey sady nianatsy ty fombany ³⁶le nanompo ty sampiny, ze nanjary fandriky ho tiazy. ³⁷Nanao soro anakilahiny rey noho ty anakampelany rey hoahy ty piroke rey ndrozy. ³⁸Nandatsaky ty lio tsy manatsiny ndrozy, ty lio ty anakilahiny noho ty anakampelany ze nanovandrozy soro hoahy ty sampy ty Kanana; le tsy nampisy dikany ty tany tamy ty lio. ³⁹Nolotoa tamy ty asany; manahaky ty mpandranto ndrozy amy ty raha nanoviny. ⁴⁰Le nimeloky tamy ty olony Yaveh, sady tsy nampisiany dikany ty olony. ⁴¹Nasesiny ho an-tana ty firenena ndrozy, sady azy nanaboka androzy rey ro nandidy taminy teo. ⁴²Nampijaly androzy ty fahavalony, sady nandesy hanenky ty fahefany ndrozy. ⁴³Matetiky avy nanampy androzy Ie, fa ndrozy le tsy nieny nialy avao sady naepotsy ty fahotany avao koa. ⁴⁴Ndra zay aza le nanenty ty fialaliandrozy Ie lafa nahare androzy nitany hovonjea. ⁴⁵Nampahatiaro ty fanenkeany tamindrozy Ie le naneny amy ty fitiavany tsy miova. Le ⁴⁶ty mpandrava iaby le nanoviny hiferinay androzy. ⁴⁷Vonjeo zahay lahy, Yaveh, Ndranaharinay. Sady avorio baka amy firenena rey, mba hisaoranay ty Anaranao Masy noho hanomezany voninahitsy amy ty fanompoa Anao. ⁴⁸Ho tompoa lahy Yaveh, Ndranahary ahy Israely, baka amizay le ho mandrakizay. Sady nivola manao hozao iaby ty olo: "Amena". manompoa an'Yaveh. Boky faha limy

Chapter 107

¹Misaora an'Yaveh, fa soa Ie, sady mandrakizay ty fahatsorany. ²Enganie azy navota Yaveh rey hivola zay, le azy navotany tan-tana ty fahavalo. ³Navoriny baka amy ty tany lako hafa ndrozy, le zay avy baka antinana noho baka andrefa, baka varatsy any noho baka antimo. ⁴Nikarikarioky tanefitsy teny amy ty lala hay ndrozy sady tsy nahita tany hipetrara. ⁵Safe mosare sady narandrano ndrozy, le heniky ty havozaha ndrozy. ⁶Le nikaiky mare an'Yaveh tany ty andro fahoriany, le namonjy androzy tany ty fijaliany Ie. ⁷Nanday androzy tany lala mahity lembe hahazandrozy mandeha amy ty tana ze ipetrahany. ⁸Hanompo an'Yaveh lahy olo rey noho ty fahatsorany noho ty kila raha soa iaby nanoviny tany ty olombelo! ⁹Fa nanara-po tany ty faniria azy marandrano rey ie, sady ty faniria ty mosare le nivintsina raha soa. ¹⁰Ty ilany nipetraky tanay ty maiiky noho ty aloky ty fahafatesa, nogadram-pijalia noho ty ravaky vy. ¹¹Nisy zay safe nialy nanohitsy ty safan-Dranahary ndrozy sady nanary tytorohevitsy ty Anabo Mare. ¹²Nanambany ty fandrozy tany ty rah sarotsy Ie. Nalahelo ndrozy sady tsy nisy olo nanampy androzy hionjo. ¹³Le nikaiky an'Yaveh tany ty fijaliany ndrozy, le nandesy Yaveh hiala baka amy ty fijaliany. ¹⁴Nanday androzy hiboaky ty haiiky noho ty fara faha maiiky Ie sady novahany ty fatotsindrozy. ¹⁵Hanompo an'Yaveh lahy olo reynoho ty fahatsorany noho ty raha mahatseriky nanoviny hoahy ty olombelo! ¹⁶Fa nandrava ty vavahady saba Ie sady nanapaky ty hilynny vy. ¹⁷Gegy ndrozy tany ty aly nanoviny sady nijaly noho ty fahadisoany. ¹⁸Trobo iaby ty faniriany hihina ty hany, sady niha nariniky ty vavahady ty fahafatesa ndrozy. ¹⁹Le nikaiky mare an'Yaveh ndrozy tany ty fijaliany le nanday androzy hiboaky amy ty fijaliany Ie. ²⁰Nandefa ty safany Ie le nahajanga androzy, le novonjea tany ty fandravany ndrozy. ²¹Hanompo an'Yaveh lahy ty olo noho ty fandeferany noho ty rah mahatseriky nanoviny tany ty olombelo! ²²Engaho ndrozy hanesy ty fanday fisaora le hanambara ty asany bevata amy ty fihira. ²³Zay miondra andriaky noho manao raharaham-barotsy ampita ty riaky any. ²⁴Rey le mahita ty asa Yaveh noho ty hatsereha tan-driaky teny. ²⁵Fa Ie ro mibaiko ty tsioky ze mampiakatsy ty riaky. ²⁶Nanakatsy ty lanitsy rey; sady nijojo tan-daliky tany. Kivy ty fijalia ty fiainandrozy. ²⁷Fany sady nivembena manahaky ty mambo rey ndrozy le nanjary kivy. ²⁸Le nikaiky an'Yaveh tany ty fijalia ndrozy, le nandesiny niboaky tany ty fijalea ndrozy. ²⁹Nampiegnny ty tsioky mare Ie, sady nampiegnny ty onja ty riaky. ³⁰Le falifaly ndrozy safe nilamy ty riaky, sady nanday androzy ho anila nitean-drozy Ie. ³¹Ty olo lahy hanompo an'Yaveh noho ty fandeferany noho amy ty raha mahatseriky nanoviny tany ty olom-belo! ³²Engaho ndrozy hanondrotsy Azy amy ty fiangona ty olo sady hanompo Azyamy ty filan-kevitsy ty mpitariky. ³³Avaliky ho efitsy ony rey, loharano hanjary tany maiky, ³⁴sady tany mamokatsy hanjary tany maiky noho ty faharatia ty olony. ³⁵Mamaliky ty efitsy hanjary rano be Ie sady ty tany maiky hanjary loharano lako. ³⁶Engany any ze mosare, sady hanamboatsy tana hiperandrozy. ³⁷hanamboatsy tana hisy baibo ndrozy, hanovy tany voaloboky, sady hamokatsy lako. ³⁸Hitahy rey Ie le ho lako tsy hay hisahy zay. Tys enga ho kely ty biby fihariny. ³⁹Fa nihakely noho ambany ndrozy noho ty fijalea le vatany maharary. ⁴⁰Mandraraky fanamavoana amy ty mpitariky rey Ie sady mampikarikarioky androzy anefitsy any, ze tsy misy lala. ⁴¹Fa miaro ty mijaly noho ty fijalia avao koa Ie sady miaro ty longony manahaky ty vondro ty aondriny. ⁴²Mahita zay ty olo mahity le ho faly, sady ty raty fanahy iaby manakobam-bava. ⁴³Ze hendry le tokony handramby an-tsoratsy raha zay sady hieritseritsy ty asa fandefera Yaveh rey.

Chapter 108

¹Tonon-Kira, alamo naovy Davida. Tafapetraky ty foko, Ndranahary lahy; hihira zaho, eka, hihira ty fanompoa amy ty foko falifaly avao koa zaho. ²Mifohaza ry valiha noho ty lokanga; vo maraindray zaho le hifoaha. ³Hisaotsy Anao zaho, lahy Yaveh, eka amy ty olo iaby; hihira fanompoa ho Ahiano zaho amy ty firenena iaby eny. ⁴Fa bevata ty fandeferanao mandilatsy ty lanitsy sady mahavy amy ty habakabaky ty haeva ty fitokiana. ⁵Misondrota, Ndranahary o, anabo ty lanitsy any, sady engaho ty vonihitsinao hisondrotsy heniky ty kila tany iaby. ⁶Mba ho vonjea ty malalanao rey, vonjeo amy ty tana ankavanao zaho le valio. ⁷Nivola tany fahamasinany Ndranahary le nanao hozao: "Hofaly zahosady hizara an'i Sekema; sady hizara ty baibo i Sokota. ⁸Tiahy Gileada, sady Tiahy i Manase, fehilohako avao koa i Efraima; kobay ty fanjakako i Joda. ⁹Koveta fanasako i Moaba amy Edoma eo ro anorahako ty kapako; hikoraky fandreseha Zaho noho i Filistia. ¹⁰Ia va ro handay Ahy amy tana matanjaky any? Ia ro hitariky Ahy ho amy Edoma any?" ¹¹Ndranahary o, tsy fa nanary ahy va Iha? Tsy hiboaky amy ty aly miaraky amy ty miaramilanay va Iha. ¹²Omeo fanampia zahay hanohitsy ty fahavalo, fa raha fahatany ty fanampia ty olo. ¹³Miharo amy ty fanampian-Dranahary ro haharesentsika; hanitsahany ty fahavalotsika rey.

Chapter 109

¹oahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Ndranahary e tompoakoo, ka mitsy, ²Fa mamely ahy ty raty fanahy noho ty mpamitaky; ³Miodidy ahy ie ka le mivoala raha falaina rey, sady mamango ahy tsy amy ty dikany ndrozy⁴Takalo ty fitiavako , le asarasandrozy zaho, fa zaho mivavaky hoahindrozy. ⁵Ty soa nanoviko novaliandrozy raty, sady hejiny ty fitavako.⁶Mitingy lahilahy raty fanahy mba hofahavaloko manahaky olo ery; mitingy mpanasara hitsanga an-tanany ankavan eo. ⁷Lafa ho tsara ie le engaho ho diso, sady engaho ty fivavahany ho heritserety ho fahota.⁸Tokony ho borbory ty hivelomany; sady engaho ho azon'olon-kafa ty anjarany. ⁹Engaho ho maty baba ty anany, sady engaho ho tsy hanam-baly ty valiny. Engaho ty anany hika-rikarioky noho ¹⁰mitoreo, hangataky hany lafa engandrozy ty fipetrahany nosimba.¹¹Engaho ho ala ty manatsosa ze tiazy iaby; sady engaho ty vahiny handrava ze azony. ¹²Tokony tsy hisy ndra raiky haneho hahasoa fanahy aminy; sady tsy tokony hiferinay ty anany tsy mama baba. ¹³Engaho ho rava ty anany; sady engaho hovonoa ty anarany tsy ho amy ty tariha hisolo.¹⁴Enaho ho volany amy Yaveh ty fahadisoa ty razany rey; sady tokony tsy ho haligno ty hadisoa ty reniny. ¹⁵Engaho amy Yaveh zisiky amparany ty hadisoandrozy; engaho ho foana Yaveh amy ty kila tany iaby ty fahatiarova androzy. ¹⁶Engaho ho hanovy Yaveh zay safe azy lahilahy io le tsy mba nampiseho fandefera, fe nampiajaly ty mijaly, ty tsy mana, sady ty kivy fo amy fahafatesa.¹⁷Teandrozy ty fanozona; hivaly aminy zay lahy. Malay ty fahasoava ie; enganie tsy hisy fahasoa ho avy aminy. ¹⁸Mampisafotsy ty ozo manahaky ty sikiny ie, sady hakeo ro mahazo anainy ao manahaky ty rano, manahaky ty soliky anay ty taolany.¹⁹Enaganie ty hakeony hanahaky ty siky ze handongofany ty vatany, manahaky ty fehin-tsarotso ze isikinany saky sanandro. ²⁰Engaho ho fanomeza hoahy ty mpanasara baka amy Yaveh, hoahy ze mivola raty ahy. ²¹Yaveh Tompo o, manao amy ty hasoa fanahy amiko noho amy ty anaranao. Safe soa ty fandeferanao, vonjeo zaho. ²²Fa mihaly noho tsy mana zaho, sady ty foko le maratsy anaiko ao. ²³Mihena manahaky ty aloky haly rey zaho; sady alatsadatsaky manahaky ty valala.²⁴Vozaky ty tsy fifalian-kany ty lohako; mivaliky manahaky ty taola milomboky holitsy zaho. ²⁵Anovy ty mpanasara ahy ho tsisy dikany zaho; lafa mahita ahy ndrozy rey le manodakodaky ty lohany.²⁶Ampeo zaho , lahy Yaveh Ndranahariko; vonjeo amy ty fandeferanao zaho. ²⁷Sady engaho ho haandrozy fa zay ro asanao, zay Iha , Yaveh, ro nanao zay.²⁸Ndra manozo ahy aza ndrozy, le mba tahio lahy zaho; laha hanisy ahy ndrozy; engaho ho menatsy, fa engaho ho faly ty mpanomponao. ²⁹Engaho ho menatsy vahavaloko rey; engaho hisiky ty fahamenarany manahaky ty siky lava ndrozy.³⁰Amy ty vavako ro haneseako fisaora bevata hoahy Yaveh; hanompo Azy annivo ty olo zaho. ³¹Fa mitsanga an-tana ankavana ty malahelo ie, mba hamonjy azy amy azy mitsara azy rey.

Chapter 11

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Yaveh ro fialofako; manao akory ro hivolananao amiko hozao: "Milaisa ambohity any manahaky ty voro?" ²Fa ingo! Manamboaky kititsy ty raty fanahy. Manenja ty kititsiny ndrozy mba hitifira ty mahity fo anay ty maiky. ³Fa laha simba ty fanamboara, ino va ty azo ty to hanovy? ⁴Yaveh le amy fiangonany masy; manenty ty masonry, mandiniky ty anak'olombelo ty masonry. ⁵Samby nieritresety Yaveh ndra ty olo to ndra ty raty fanahy, fa Ie le manaboka mahery loha rey. ⁶Handatsaky bolon'afo may noho tsy mety maty amy raty fanahy rey Ie; tsioky mandoro ro ho anjara ty kapoakiny! ⁷Fa Yaveh le to, sady tea fahamarina ie; ty mahity ro hahita ty vatany.

Chapter 110

¹Salamo nanovy Davida. HOasa Yaveh amy ty tompoko: "Mitoboa amy tanako an-kavana eto zisiky ananovako fahavalonao rey ho fipetraha ty tombonao."²Haboaky Yaveh ty kobay ty fanajaka ty herinao baka a Ziona; le manitsakitsaky amy ty fahavalonao rey. ³Hanoriky anao amy tsy misy hankadala ty olonao anay ty siky masy rey amy andro ty fahefanao; ateraky maraindray manahaky ty ando ho ahinao ty mpamarakinao.⁴Yaveh fa nifanta, sady tsy hiova hozao: "mpisoro ho Tiahy mandrakizay iha, araky ty fanao i Melkizedeka."⁵An-tananao an-kavana eo ty Tompo. Amy ty andro mahameloky azy le hamono ty mpanjaka Ie. ⁶Hitsara firenena rey Ie; hatsehany faty ty tany fiadana; sady ho vonoany mpitondra amy fierena lako hafa rey.⁷Hino amy ty loharano an-dala any Ie, sady hanonjo anabo ty lohany afara ty fandreseha Ie.

Chapter 111

¹Manompoa an'Yaveh. Hanesy fisaora hoahy Yaveh amy ty foko iaby zaho amy ty fiangona ty olo to amy ty fivoriandrozy. ²Bevata ty asan-Dranahary, niambena ze naniry androzy tamy ty fahazotoa. ³Maresaky noho lako ty voninahitsy ty asany, sady maharitsy mandrakizay ty hatony. ⁴Manao raha soa ze ho tiarova ie; mandefitsy noho miferinay Yaveh. ⁵Manome hany hoahy ty mpanoriky mitama Azy Ie. Hampahatiaro ty fanenkeany saky sanandro Ie. ⁶Naboakany tamy ty olo ty asa maheriny tamy ty fanomezany androzy ty lova ty firenena rey. ⁷Maeva ho tamany noho mahity asa ty tanany rey; azo antoky iaby ty fampianarany. ⁸Mipetraky mandrakizay zay, mba hitandrema amy ty fahatokia noho amy ty toko ho izy. ⁹Nanome fandresea hoahy ty olo Ie; nampisy ty fanenkeany mandrakizay; masy noho mahatseriky ty anarany. ¹⁰Ty fanomeza voninahitsy an'Yaveh ro veloha ty fahendrea; azy manatanteraky ty lalany ro mana fahazavan-tsay soa. Maharitsy mandrakizay ty fanompoa Azy.

Chapter 112

¹Sambatsy ty olo midary an'Yaveh, ze azy mankasitraky ty liliny. ²Tarihany rey hahery amy ty tany; azy tariha ty lahilahy rey ho tahia. ³Hanagna lako ro ho an-tranony ao; ty hatony haharitsy mandrakizay. ⁴Mampisy hazava amy ty maiiky hoahy ty olo masy ty hazavany; miferinay Ie, mandefitsy, nnoho mahity. ⁵Sambatsy olo ze mampitoro amy ty fiferinesa noho mampitsosa drala, ze manday ty raharahany amy ty fandefera. ⁶Fa tsy hihozohozo mihintsy ie; ty olo to le ho halino mandrakizay. ⁷Tsy havaka ty vaovao raty ie, safe matoky, mitama an'Yaveh. ⁸Milamy ty fony, tsy mavaka, zisiky anenteany amy ty fandreseha ty fahavalony rey. ⁹Manome an-tsitra-po azy mijaly rey ie; ty hatony le haharitsy mandrakizay; hasondrotsy amy voninahitsy ie. ¹⁰Hahita zay ay olo raty fanahy rey le ho meloky; hihily ty vazandrozy sady ho rava; ho maty ty faniria ty olo raty fanahy.

Chapter 113

¹Manompoa an'Yaveh, Manompoa Azy, nareo mpanompo an'Yaveh; tompo ty anara Yaveh. ²Isaora lahy ty anara Yaveh, henizao le mandrakizay mandrakizay. ³Baka amy ty fiboaha ty mahasoandro le zisiky amy ty filentehany, tokony ho tompo ty Anara Yaveh. ⁴Asondrotsy anabo ty firenena iaby Yaveh, sady ty voninahitsiny hanakatsy mandilatsy ty lanitsy. ⁵Ia va ro manahaky Yaveh Ndranaharitsika, ze mipetraky amy ty anabo, ⁶ze manenty nitsojo amy ty lanitsy eny noho an-tany atoy? ⁷Manondrotsy ty tsy mana hiala amy maloto Ie sady mampitsanga ty mijaly amy ty lavenoky lako, ⁸mba hahaizany mametraky azy miarky amy ty mpanjaka, miaraky amy ty mpanjaka ty olony. ⁹Hanome trano fipetrha hoahy ty ampela tsy mety teraky Ie, manao azy ho reninaja ho falifaly Ie. Manompoa an'Yaveh!

Chapter 114

¹Lfa nanenga an'i Egipta Israely, ty tariha i Jakoba baka amy olo zay vahiny zay, ²le nanjary fipetrahany masy i Joda, sady fanjakany Israely.³Nanenty ty riaky le nilay; nimpoly amy Jordana. ⁴Nanao fey manahaky ty aondry lahy vohitsy rey, vohitsy rey falifaly manahaky ty anak'aondry.⁵Nanino iha ro nilay, ry riaky? ry jordana, nanino va iha ro nimpoly? ⁶Ry vohitsy, nanino va nareo ro nifety manahaky ty aondry lahy? nareo vohitsy maliniky, nannino va nareo nifety manahaky ty aondry lahy? ⁷Mihozongozona, ry tany, miatsiky ty Tompo, amy ty fanatreha ty Ndranahary tiahy Jakoba.⁸Avaliky ho dobon-drano ty lafiam-bato, ty hamafy ty lafiam-bato hanjary loharano.

Chapter 115

¹Tsy ho tiahinay, lahy yaveh, tsy ho ahinay, fa hoahy ty anaranao ro anasesea voninahitsy, fa hoahy ty fanenkeanao mahatoky noho hoamy ty famendreham-pitokiana. ²Manino firenena rey mivola hozao: "Aia va ty Ndranaharindrozy?"³Ty Ndranaharinay an-danitsy any, manao ze kila raha iaby ze teany hanovy. ⁴Volafoty noho volamena azy sampy ty firenena rey asa ty tanan'olo. ⁵Mana vava sampy rey, fa tsy mivola; mana-maso ndrozy, fe tsy mahita; ⁶mana sofy ndrozy, fe tsy mahare; mana oro ndrozy, fe tsy mahare fofa. ⁷Azy sampy rey mana tana, fe tsy maha tsapa; mana tomboky ndrozy, fe tsy afaky mandeha, ndra mivola amy ty vavany aza. ⁸Azy nanamboatsy azy rey le manahaky aminy, manahaky ze mitama azy iaby. ⁹Ry Israely, matokia an'Yaveh; Ie ro famonjea anao noho fiaronao. ¹⁰Ry tariha i Arona, matokia an'Yaveh; Ie ro famonjea anao noho fiaronao. ¹¹Iha ze manome voninahitsy an'Yaveh, matokia Azy; Ie ro famonjea anao noho fiarovanao. ¹²Yaveh mahatiaro le hitahy antsika; hitahy ty longo ty Israely Ie; sady hiaro ty valy aminanaky Arona. ¹³Hiaro ze hanome voniahitsy Azy Ie; ndra tanora ndra antitsy. ¹⁴Enganie Yaveh hampitombo hisaky anareo bakany bakany, ty ahinao noho ty tarihanao rey. ¹⁵Yaveh azy namboatsy ty lanitsy noho ty tany lahy hitahy anao. ¹⁶Ahin'Yaveh ty lanitsy; fe ty tany nameany hoahy ty olombelo. ¹⁷Ty maty tsy mba hanompo an'Yaveh, dra ze mijotso amy ty mangingiky tsy manao zay; ¹⁸Fa hisaotsy ahy Yaveh zahay henanio le ho mandrakizay. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 116

¹Teako Yaveh safe mahare ty feoko noho ty fangatahako ho amy ty fandefera Ie. ²Safe nijanjy ahy Ie, laha mbo velo avao koa zaho le hikaiky Azy. ³Namehy ahy ty taly ty fahafatesa rey, sady ty fandriky ty Fiaina tsy hita le talohako teo, nahatiaro fijalia noho alahelo zaho. ⁴Le nikaiky ty anara Yaveh zaho nanao hozao: "Mangataky lahy Yaveh, afaho ty aiko." ⁵Yaveh le lako fandefera sady tsy mbatia mba aroa; ty Ndranaharitsika le leko fandefera. ⁶Yaveh le miaro ty tsy mahay raha; tsy nampisia dikany zaho, le namonjy ahy Ie. ⁷Afaky mimpoly amy ty toera fiala vozaky ty fanahiko, safe Yaveh fa nanao soa tamiko. ⁸Fa Iha nanavotsy ty fiaiko tamy ty fahafatesa, ty masoko tamy ty ranomaso, sady ty tomboko tsy ho toitsy. ⁹Hanompo an'Yaveh amy ty tana ty velo zaho. ¹⁰Natoky Azy zaho, ndra fa nivola hozao aza zaho." ¹¹Nivola tamy tsy fandiniha zaho nanao hozao: "Mpavandy iaby ty olo." ¹²Amy fomba manao akory ro hamaly an'Yaveh ty hasoa ty fanahhiny iaby tamiko? ¹³Hatsangako ty kapoaky ty fammonjea, sady kaihako ty anara Yaveh. ¹⁴Ho tanterahako voadiko nanoviko tamy Yaveh rey niatrisky ty olony iaby rey. ¹⁵Sarotsy tamy Yaveh ty hifatesa ty olo masiny. ¹⁶Eka vatany, lahy Yaveh, mpanomponao zaho; anakilahy ty mpanomponao zaho; anakilahy ty ampela mpanompo; nafahinao fehiko rey. ¹⁷Hanesy ty soro fisaora ho Ahinao zaho sady hikaiky ty anara Yaveh. ¹⁸Ho efako voadiko tamy Yaveh miatsiky olony iany rey, ¹⁹tan-tokotany ty trano Yaveh teo, taminao teo ry Jerosalema. Tompò Yaveh.

Chapter 117

¹Manompoa an'Yaveh, nareo firenena iaby; asondroto Ie, nareo olo iaby. ²Safe bevata anatrehatsika ty fandeferany, sady maharitsy mandrakizay ty famen-dream-pitokia ahy Yaveh. Tompo i Yaveh.

Chapter 118

¹Misaora an'Yaveh, fa soa Ie, fa maharisty mandrakizay ty fandeferany. ²Enganie hivola hozao Israely: " Maharitsy mandrakizay ty fandeferany." ³Tokony hivola hozao ty valy aminanaky i Arona: "Ty fanenkeany mahatoky le haharitsy mandrakizay," ⁴Engaho zy manompo an'Yaveh rey hivola manao hozao: "Maharitsy mandrakizay ty fandeferany." ⁵Nikaiky an'Yaveh tanay ty fijaliako zaho; namaly ahy Yaveh sady nanafaky ahy. ⁶Miaro ahy Yaveh: Tsy havaka zahi; hanino amiko ty olombelo? ⁷Mpamonjy anilako eo Yaveh; hahita fandreseahy ahy azy malay ahy zaho. ⁸SOa mare ty mialoky amy Yaveh tany mametraky fahatokia amy ty olombelo. ⁹Soa mare ty mipetraky amy Yaveh tany azy mametraky fahatokisa amy ty mpanjaka. ¹⁰Ty firenena iahy mihodidy ahy ; ho tapahiko amy alala Yaveh ndrozy. Mihodidy¹¹ ahy ndrozy; eka, mihodidy ahy ndrozy; ho tapahiko amy alala Yaveh ndrozy. ¹²Mihodidy ahy manahaky ty tantely ndrozy manjavo malaky manahaky ty afo tany fatiky ndrozy; ho tapahiko amy anara Yaveh ndrozy. ¹³Nanafiky ahy ndrozy mba handavo ahy, fe nanampy ahy Yaveh. ¹⁴Yaveh ro heriko noho fiafaliako, sady Ie ro toka mpanavotsy ahy. ¹⁵Re amy ty lay ty hato ty koraky ty fiafalia ty fandreseahy; naharesy ty tana an-kava Yaveh. ¹⁶Asondrotsy ty tana an-kavana Yaveh; maharesy ty tana an-kavana ahy Yaveh. ¹⁷Tsy ho maty zaho, fa ho velo sady hanambara ty asa Yaveh. ¹⁸Fa nosazia Yaveh mare zaho; fe tsy nasesiny ho maty zaho. ¹⁹Vohao ho ty ahy ty vavahady ty hato; hilitry amy zay ao zaho sady hisaotsy an'Yaveh. ²⁰Zay ty vavahady ahy Yaveh; ty olo to ro militsy ao. ²¹Hisaotsy Anao zaho, safe namaly ahy Iha, sady najary ho famonjea ho tiahy Iha. ²²Azy vato ze tsy nila ty mpanamboasy trano le nanjary vato fehizoro. ²³Zay ro nanovy Yaveh; mahatseriky amy masotsika eo zay. ²⁴Toy ty andro ze nanovy Yaveh; hifety noho ho falifaly amizay tsika. ²⁵Mangataky lahy Yaveh, omeo fandreseahy zahay! Mangataky lahy Yaveh, omeo fahasoa zahay! ²⁶Ho tahia ie ze ho amy amy anara Yaveh; ho tahinay amy trano Yaveh iha. ²⁷Yaveh ro Ndranahary, sady fa nanome fahazava ho ahinay Ie; namehy ty soro rey tany ty taly tany ty tsifa ty alitara rey. ²⁸Iha ro Ndranahariko, sady hisaotsy Anao zaho; Iha ro Ndranahariko; hanondrotsy Anao zaho. ²⁹Oh, misaotsy an'Yaveh; fa soa ie; fa maharitsy mandrakizay ty fandeferany.

Chapter 119

¹Ndao. Sambatsy ze tsy misy hakeo ty lalany, ze mandeha amy lala i Yaveh. ²Sambatsy ze midary ty liliny masy, ze iaby mila Azy amy ty fony. ³Tsy manao raty ndrozy; fa mandeha amy lalany. ⁴Mandidy anay hitanjaky ty fampianaranao Iha mba hidarianay zay soa. ⁵E, ta ho tafapetraky amy ty fitandrema ty lilinao zaho! ⁶Le tsy ho menatsy zaho lafa mieritseritsy ty lilinao iaby. ⁷Hanesy fisaora ho Ahinao amy ty fo mahity zaho lafa mianatsy ty hato ty lilinao. ⁸Hidary ty lilinao zaho raiky. BETA. ⁹Amy fomba manao akory ty hidarea ty tanora ty lalany mba halio? Amy ty fanoriha ty safanao. ¹⁰Amy ty foko iaby ro hilako Anao; ka manenga ahy hisaraky amy ty lilinao. ¹⁰¹Niamby ty tomboko hiala amy ty lala raty iaby zaho mba hitandremako ty safanao. ¹⁰²Tsy nibio lala niala tamy ty lalanao zaho, fa Iha ro nampianatsy ahy. ¹⁰³Ho ty hasoa ty safanao lafa nandramaniko, eka mamy mandilatsy ty tantely amy ty vavako! ¹⁰⁴Amy ty fampianaranao ro ahazoako fahaiza manavaky; lafa zay le hejiko iaby ty lala diso. NONA. ¹⁰⁵Fahazava hoahy ty tomboko sady jiro ho ahy ty lalako ty safanao. ¹⁰⁶Fa nifanta zaho sady nohamafisko zay, fa hidary ty lalanao to zaho. ¹⁰⁷Le vatany mijaly zaho; velomy zaho, lahy, araky ze nampitamaninao tamy ty safanao. ¹⁰⁸Yaveh o, mba ekeno lahy ty fanday voaktsy ty foko baka amy ty vavako, sady ampianaro ty lala to nao zaho. ¹⁰⁹An-tanako eo saky sanandro ty aiko, fe tsy haliniko ty lalanao. ¹¹⁰Nanao velampandriky ho tiahy ty raty fanahy, fa sy niala tamy fampianaranao zaho. ¹¹¹Notanjahako ampoko ato ty safanao mba tsy hanotako amina. ¹¹²Tompoa Iha, lahy Yaveh; ampianaro ty lilinao zaho. ¹¹¹Ambarako ho lovako mandrakizay ty lilim-panenkeanao. ¹¹²Tafapetraky amy ty fanaraha ty lilinao mandrakizay baka amy ty farany indrindra ty foko. SAMEKA. ¹¹³Hejiko azy misalasala rey, fa teako ty lalanao. ¹¹⁴Iha ro toera fivoniako noho fiarovako; miamby ty safanao zaho. ¹¹⁵Misitaha amiko, nareo ry mpanao raty, mba hiambenako ty lilin-janahariko. ¹¹⁶Tohano amy alala ty safanao zahomba ho velo fa tsy ho menatsy amy ty fanantenako. ¹¹⁷Tohano zaho, le hiada; hieritseritsy ty lalanao saky sanandro zaho. ¹¹⁸Tsy enkeninao azy iaby miala amy ty lilinao, fa mamerivery sady tsy azo tokisa olo rey. ¹¹⁹Alanao manahaky ty tay milentiky ty raty fanahy amy kila tany iaby; lafa zay le teako ty lilinao masy. ¹²⁰Mangitikitiky ty fahatora Anao ty vatako, sady mavaka ty lalanao masy zaho. AINA. ¹²¹Manao ze mahity noho ty to zaho; ka mahafohy ahy ho amy ty mpampijaly ahy. Omeo antoky ty fanampia ty ¹²²mpanomponao; ka enga hampiajly ahy ty mpirengirengy. ¹²³Miha vozaky ty masoko amy ty fandinisa ty famonjeanao noho ty safa to nao. ¹²⁴Ampitoro ty mpanomponao ty fanenkeanao mahatoky, sady ampianaro ty lilinao zaho. ¹²⁵Mpanomponao zaho; omeo fahazavan-tsay zaho mba hahaizako ty didim-panenkeanao. ¹²⁶Fotoa hiasa Yaveh zao, fa nandika ty lalanao ty olo. ¹²⁷Teako mandilatsy ty volamena ty lilinao, mandilatsy noho ty volamena soa mare. ¹²⁸Lafa zay le manoriky soa ty fampianaranao iaby zaho, sady hejiko iaby ty lalam-pamerivery. PE. ¹²⁹Mahatseriky ty lilinao, zay ro mahavy ahy hanoriky rey. ¹³⁰Ty fampozelazela ty safanao ro manome fahazava; manome fahazavan-tsay hoahy ty tsy nampianary zay. ¹³¹Tamy ty vavako ro nanambarako ty lilinao to iaby ze natoronao. ¹⁴Mifalifaly amy ty lala ty didim-panenkeanao mandalatsy noho ty amy ty hanagna iaby zaho. ¹³¹Vohako misanasana ty vavako, fa le vatany maniry mare ty lilinao zaho. ¹³²Mitolihy amiko. sady ferineso zaho araky ty fa nanovinao saky sanandro amy azy tea ty anaranao rey. ¹³³Ampanaraho ty safanao ty tombonao; ka enga hisy fahota hanapaky ahy. ¹³⁴Afaho amy ty fampiajalia ty olombelo zaho mba hidareako ty fampianaranao. ¹³⁵Enganie hipiriaky amy ty mpanomponao ty vatanao, sady ampianaro ahy ty lilinao. ¹³⁶Ranomaso velo mirarandraraky amy ty masoko safe tsy midary ty lalanao ty olo. TSADE. ¹³⁷To Iha, lahy Yaveh, sady mahity ty lilinao. ¹³⁸Nameanao ampahamarina noho amy ty fahatokia ty lilim-panenkeanao. ¹³⁹Nandravarava ahy ty heloky safe nihalino ty mpialy amiko ty safanao. ¹⁴⁰Fa notsapa toetsy soa ty safanao, sady tea ty mpanomponao zay. ¹⁴¹Tsy misy dikany zaho sady noboka, fe tsy manalino ty fampianaranao zaho. ¹⁴²To mandrakizay ty fitsaranao, sady maeva atokisa ty lalanao. ¹⁴³Ndra nahavoa ahy aza ty fijalia noho ty fahararea, le mbo teako avao ty lilinao. ¹⁴⁴To mandrakizay ty lilinao; omeo fahazavan-tsay zaho mba ho velo. KOFA. ¹⁴⁵Nikoraky tamy ty foko iaby zaho manao hozao: "Valio zaho, lahy Yaveh, le hitanjaky ty lalanao. ¹⁴⁶Mikaiky Anao zaho; vonjeo zaho, le hidary ty lilim-panenkeanao. ¹⁴⁷Mifoha aloha ty maraindray zahosady mikoraky ty famonjea. Amy ty safanao ao ro tamaniko. ¹⁴⁸Manenty aloha ty hiova ty fiambena ty haly ty masoko mba hieritseritsy ty safanao. ¹⁴⁹Mijanjina ty feoko amy ty fanenkea matokinano; velomy zaho, lahy Yaveh, araky ty fampitamaninao. ¹⁵⁰Miha marikitsy ahy azy magnia ahy rey, fe alavitsy ty lalanao rey. ¹⁵¹Hieritseritsy ty fampianaranao zaho sady hidary ty lalanao rey. ¹⁶Tea ty lilinao rey zaho; tsy hanalino ty safanao. GIMELA. ¹⁵¹Marikitsy Iha, lahy Yaveh, sady azo tamany iaby ty lilinao. ¹⁵²Nianatsy baka amy ty lilim-panenkeanao ze nenganao tamy ty polasiny mandrakizay baka amy ty ela zay zaho. RESY. ¹⁵³Hentao ty fijaliako le ampio zaho, fa tsy mba manalino ty lalanao zaho. ¹⁵⁴Misolao vava ahy le afaho zaho; tanjaho zaho, araky ty nampitamaninao. ¹⁵⁵Lavitsy ty raty fanahy rey y famonjea, fa tsy tea ty lilinao ndrozy. ¹⁵⁶Bevata ty fandeferanao, lahy Yaveho; velomy zaho araky ty anovinao mandrakizay. ¹⁵⁷Lako ty mpananjika ahy rey noho ty fahavaloko rey, fe tsy niala tamy ty lilim-panenkeanao zaho. ¹⁵⁸Fanentoko azy mpamadiky rey le mampangaroharo safe tsy midary ty safanao

ndrozy.¹⁵⁹ Ho ty hateako ty fampianaranao; velomy zaho, lahy Yaveh, araky ty nampitamaninao tamy ty fanenkea mahatokiano.¹⁶⁰ Fahamarina ro loharano ty safanao; maharisty mandrakizay ty lalanao kiraikiraiky. SINA.¹⁶¹ Azy mpanjaka rey ndra ahoa ino le manenjiky; le mangitikitiky ty foko, mavaka tsy hanoriky ty safanao.¹⁶² Falifaly amy ty safanao manahaky ty olo raiky ze mahazo mpangalatsy malaza rey zaho.¹⁶³ Hejiko sady bokako ty verivery, fa teako ty lalanao.¹⁶⁴ Impito saky sanandro zaho ro hanompo Anao noho hato ty lalanao.¹⁶⁵ Fiadana bevada ro anana azy tea ty lilinao rey; tsy misy hahampalahelo androzy.¹⁶⁶ Miamby ty famonjeanao zaho, lahy Yaveh, sady manoriky ty lilinao.¹⁶⁷ Midary ty lilinao masy zaho, sady le vatany teako rey.¹⁶⁸ Mitanjaky ty fampianaranao noho ty lily masinao zaho, fa haikoiaby ze kila raha anoviko. TAV.¹⁶⁹ Mijanina ty toreoko, lahy Yaveh; omeo fahazavan-tsay amy ty safanao zaho.¹⁷⁰ Ho avy aminao eo lahy ty fangatahako; ampio zaho, araky ty fa nampitamaninao tamy ty safanao.¹⁷¹ Ampitoro amy ty mpanomponao ty fandeferanao mba hivelomako noho hidariako ty safanao.¹⁷² Vohao ty masoko mba hahitako ty raha mahatseriky rey amy ty lalanao.¹⁷³ Hiboaboaky amy ty soniko lahy ty fanompoa, fa ampianarinao ahy ty lilinao.¹⁷⁴ Engaho ty lelako hihira amy ty safanao, fa to iaby ty lilinao.¹⁷⁵ Hanampy ahy lahy ty tananao, fa nitingy ty fampianaranao zaho.¹⁷⁶ Le vatany maniry ty fanavotanao zaho, lahy Yaveh, sady ty lilinao ro teako.¹⁷⁷ Ho velo lahy zaho le hanompo anao, sady hanampy ahy lahy ty hato ty lalanao.¹⁷⁸ Fa nikarikarioky manahaky ty aondry trobo zaho; ilao ty mpanomponao, fa tsy nihaliniko ty lilinao.¹⁷⁹ Vahiny antany atoy zaho; ka avony ahy ty lilinao hiala amiko.¹⁸⁰ Torotoro ty fila mare ty hahala ty lala-tonao saky sanandro ty faniriako.¹⁸¹ Mananatsy ty mpirengirengy, ze nohozony, le verivery miala amy ty lilinao Iha.¹⁸² Alao amy ty fahafaham-baraky ty henatsy zaho, fa nanoriky ty lalam-panenkeanao zaho.¹⁸³ Ndra manao hevitsy raty le manarasara ahy aza mpanapaky rey, le mieritseritsy ty lalanao ty mpanomponao.¹⁸⁴ Ty lily ty mpanenkeanao ro teako mare, sady ndrozy ro mpanome hevitsy ahy. DALETA.¹⁸⁵ Mipitiky amy ty posiera ty aiko! Omeo fiaina amy ty safanao zaho.¹⁸⁶ Nambarako taminao ty lalako, le namaly ahy Iha; ampianaro ty lilinao zaho.¹⁸⁷ Anovo mahatakatsy ty lala ty fampianaranao zaho, mba hahazaho mandiniky ty fampianaranao mahatseriky.¹⁸⁸ Atsiky alahelo zaho! Atanjaho amy ty safanao zaho.¹⁸⁹ Alao hiala amiko ty lala ty vericvery; ampianaro ahy ty amy ty fahasoava ty lalanao.¹⁹⁰ Notinginiko ty lala ty fahatokia; fa nidary ty lalanao to tanetrehanao teo avao zaho.¹⁹¹ Didyfanenkeanao rey ro nitinginiko; Yaveh o, ka enga hangamahema zaho.¹⁹² Hilainday amy ty lilinao zaho, fa iha ro manesy ty foko hanao zay. HE.¹⁹³ Ampianaro ty lala ty lilinao zaho, lahy Yaveh, le ho dariako zisiky amparany zay.¹⁹⁴ Omeo fahazavan-tsay zaho, le hidary ty lilinao; zay ro ho heritseretiko amy ty foko iaby.¹⁹⁵ Tariho amy ty lala ty lilinao zaho, fa teako ty mandeha amizay.¹⁹⁶ Tariho amy ty lilim-panenkeanao ty foko sady lavisty hanagna azo baka amy ty tsy to.¹⁹⁷ Ampitoliho ty masoko tsy hanenty raha fahatany; velombelomo amy ty lalanao ndraiky zaho.¹⁹⁸ Tanteraho amy ty mpanomponao ty fampianantenanao ze nanovinao tamindrozy ze manaja Anao.¹⁹⁹ Alao lavisy ty fivazavaza atahorako mare, fa soa ty fitsara marinao.²⁰⁰ Ingo, naniry mare ty fampianaranao zaho; velomo amy ty fahamarinanao zaho. VAO.²⁰¹ Yaveh o, omeo ahy ty fitiavana tsy mety rava— ty famonjeanao, araky ty fampitamaninao; le ho valiako azy raiky ze manaboka ahy, fa ty safanao ro tamaniko.²⁰² Ka ala amy vavako ty to, fa nandiny ty lala- marinao zaho.²⁰³ Hidary ty lalanao avao zaho, zisiky amparany.²⁰⁴ Handeha ampilamina zaho, fa mila ty fampianaranao.²⁰⁵ Hanambara mikasiky ty lilinao masy anatreha ty mpanjaka zaho le tsy ho menatsy.²⁰⁶ Teako ty lilinao, ze vatany ilako mare.²⁰⁷ Hanondrotsy ty tanako ho amy ty lilinao zaho, ze teako; handiniky ty lalanao zaho. ZAINA.²⁰⁸ Tiarovo ty fampianantenanao tamy ty mpanomponao safe nameanao fanantena zaho.²⁰⁹ Zao ty fionona ho tiahy amy ty fijaliako: ty fampianantenanao ro mbo mahavelo ahy.²¹⁰ Nanakiotsy ahy ty mpirengirengy, fe zaho tsy niala tamy ty lalanao.²¹¹ Nieritseritsy mikasiky ty lalanao to taloha rey zaho, lahy Yaveh, le hampahahery ty vatako.²¹² Nitanjaky ahy ty helokinanao mare noho ty raty fanahy ze nanda ty lalanao.²¹³ Azy lilinao rey ro hirako tamy ty trano ze hipetrahako tsielatsela avao.²¹⁴ Zisiky ty haly zaho mieritseritsy ty anaranao, lahy Yaveh, le midary ty lalanao.²¹⁵ Zay ty fanaoko safe nidary ty fampianaranao rey zaho. HETA.²¹⁶ Yaveh ro anjarako; fa nifanta hidary ty vatanao zaho.²¹⁷ Mila mare ty sitrakinao amy ty foko iaby zaho; ferineso zaho, , araky ty fampitamany ty safanao.²¹⁸ Nieritseritsy ty lalako zaho sady mampiodaky ty tomboko ho amy ty didim-panenkeanao.²¹⁹ Malisa zaho sady tsy legnalegna amy ty fidarea ty lilinao.²²⁰ Nandomba ahy ty taly ty raty fanahy; fa tsy nagnalino ty lalanao zaho.²²¹ Lafa matognaly ro hitsanganako hanome fisaora Anao noho ty lalanao to.²²² Nama ty ze manaja Anao rey zaho, le azy iaby ze midary ty fampianaranao.²²³ Heniky ty fanenkea matokinanao ty tany, lahy Yaveh; ampianaro ty lilinao zaho. TETA.²²⁴ Nanao soa tamy ty mpanomponao Iha, lahy Yaveh, tamy alala ty safanao.²²⁵ Ampianaro ahy ty fahaiza manavaky ty soa noho ty fahazavan-tsay, fa fa natoky ty lilinao zaho.²²⁶ Taloha ty nampijalia ahy le nisitaky zaho, fa henanikio le midary ty safanao zaho.²²⁷ Soa Iha, sady Iha azy raiky ze nanao ty soa; ampanaro ty lilinao zaho.²²⁸ Nandomba ahy tamy ty vandy ty mpirengirengy, fe midary ty fampianaranao amy ty foko iaby zaho.²²⁹ Mihamafy tyfondrozy, fa teako ty lilinao.²³⁰ Soa ho tiahy ty nijaliako mba hianarako ty lilinao.²³¹ Ty fampianara baka amy ty lilinao le sarotsy mare noho ty volamena noho volafoty maliniky anarivo ho tiahy. JODA.²³² Ty tananao ro nanao noho namboatsy ahy; omeo fahazavan-tsay zaho mba hianarako ty lilinao.²³³ Azy manaja Anao rey le ho faly lafa mahita ahy safe amy ty safanao ro ahitako fanantena.²³⁴ Haiko, lahy Yaveh, fa

to ty lalanao, sady tamy ty fahatokia ro nampijalianao ahy. ⁷⁶Engaho ty fanenkea matoky anao ro hampahery ahy, araky ty nampitamaniao tamy ty mpanomponao. ⁷⁷Mba ferineso zho mba ho velo, fa ty lalanao ro teako.

⁷⁸Engaho ho menatsy ty mpirengirengy, fa nanasarasara ahy ndrozy; fa zaho le hieritseritsy ty fampianaranao.

⁷⁹Hitoliky amiko anie azy manaja anao rey; le azy mahay ty lilim-panenkeano rey. ⁸⁰Tsy hisy hakeo lahy ty foko noho ty lalanao mba tsy menatsy zaho. KAFA. ⁸¹Kivy mare amy ty fandinasa ty famonjeanao ahy zaho! Amy safanao ao ro ananako fanantena. ⁸²Maniry mare hahita ty fampianatena ty masoko; lafa ombia Iha ro hampahery ahy? ⁸³Fa nanjary manahaky ty sisiny ty divay holitsy anay tysetroky zaho; fa tsy haliniko ty lalanao.

⁸⁴Zisiky ombia ro hiareta ty mpanomponao amizao; ombia Iha vo hitsara azy manenjiky ahy rey? ⁸⁵Nihaly lavaky ho tiahy ty mpirengirengy rey, sady nanda ty lalanao. ⁸⁶Azo tamany iaby ty lilinao; manenjiky ahy amy ty raha tsy misy dikany olo rey; ampio zaho. ⁸⁷Fa saiky nanafaky ty aiko tan-tany teny ndrozy, fe tsy nahafoy ty fampianaranao zaho. ⁸⁸Amy ty fitiavanao tsy mivaliky, velomo zaho, mba hanorihako ty lilinao. LAMEDA. ⁸⁹Yaveh o, mipetraky mandrakizay ty safanao; mipitiky an-danitsy any mare ty safanao. ⁹⁰Maharitsy hoahy ty tariha iaby ty fahatokisanao; Iha ro namboatsy ty tany, sady mipetraky zay. ⁹¹Mitohy zisiky henanizao iaby ty kila raha iaby, araky ze nivolaninao amy ty lalanao to, fa mpanomponao iaby ty kila raha. ⁹²Laha tsy sitrako ty lilinao, le fa maty ty fialaliako zaho henany zay. ⁹³Tsy ho haliniko mandrakizay ty fampianaranao, fa tamy rey ty namelomanao ahy.

⁹⁴Iha avao; vonjeo zaho, fa mila ty fampianaranao. ⁹⁵Mihentsy hamono ahy ty raty fanahy, fa mila ty hahalala ty didim-panennkeano zaho. ⁹⁶Hitako fa misy farany iaby ty kila raha, fa malalaky tsy misy fetsy ty lilinao. MEMA. ⁹⁷Ho ty fitiavako ty lilinao! Zay ro avao ro eritreretiko tontolonandro. ⁹⁸Mahendry ahy mandilatsy fahavaloko rey ty lilinao, fa miaraky amiko saky sanandro ty lilinao. ⁹⁹Mana fahazavan-tsay mandilatsy ty mpampianatsiko iaby zaho, fa mieritseritsy ty lilim-panenkeano. ¹⁰⁰Mahatakatsy mandilatsy azy be tao rey mandilatsy ahy rey zaho; zay safe nidary ty fampianaranao rey zaho.

Chapter 12

¹Hoahy ty mpihira; nanovy tamy Al-hsheminith. Salamo nanovy Davida. Vonjeo, lahy Yaveh, fa tsy misy sasy ty soa fanahy; nanjavo atokisa rey.²Samby mivolambola fahatany amy ty mpiharo petraky amy ty sony mandroboky noho fo tsy mahatoky ty olo iaby. ³Yaveh lahy, ravao sony ty mpiatsaravelatsihy rey, ty lela iaby samby mivola ty raha to. ⁴Rey ze mivola hozao: "Ty lelanay ro nampandresy anay. Laha mivola ty soninay, ia va ro afaky handidy aminay eo?"⁵Noho ty heriloha anovy amy ty mijaly, noho ty alahelo ty mahantra, le hitsanga zaho," hoasa Yaveh. hanome filamina ze irindrozy mare zaho."⁶Ty safa Yaveh rey le vatany malio, manahaky ty volavoty namboary im-pito. ⁷Iha ro Yaveh! Nidary androzy iha. Miaro ty olo soa fanahy amy ty tariha raty fanahy zao mandrakizay Iha. ⁸Mandeha ndra aia ndra aia ty raty lafa mahazo ty anak'olombelo ty raty.

Chapter 120

¹Hira fiakara. Nikaiky an'Yaveh zaho tanay ty fiajaliako, le namaly ahy Ie. ²Afaho ty aiko, lahy Yaveh amy azy mavandy amy ty soniko rey sady mampitama ahy vandy amy ty lelany rey. ³Manao akory ty fomba hanasazia anareo, sady ino ro mbo ho nanoviny anareo, nareo azy mana lela mpavandy? ⁴Ho sazia amy ty kititsy ty mpialy ze noraninty tamy ty bolo ty anjavidy nareo. ⁵Lozako fa nipetraky vonjimaiky tamy Maseka tao zaho; taloha zaho ro nipetraky tamy lay i Kedarita teo. ⁶Fa niana maharitsy niaraky tamy azy ze nalay ty filamina rey zaho. ⁷Zaho le tea filamina, fe lafa mivola zaho, le ho amy ty aly ndrozy.

Chapter 121

¹Hira fiakara. Hampanenty ty masoko an-bohitsy any zaho. Avy baka aia moa ty famonjea ahy? ²Ty famonjea ahy le baka amy Yaveh, ze namboatsy ty lanitsy noho ty tany. ³Ie le tsy manenga ty tombonao hibisatsy; Ie ze miaro anao le tsy ho tandre. ⁴Ingo, ty mpiamby ahy Israely tsy mba tandra nandra miroro zao. ⁵Yaveh ro mpiamby anao; Yaveh ro aloky ankavananao ao. ⁶Tsy hanimba anao ty masoandro nony ty andro, nandra ty vola lafa haly. ⁷Yaveh ro hiaro anao amy ty loza iaby, sady hiaro ty ainao Ie. ⁸Yaveh hiaro anao amy ty raha iaby ze anovinao henany io zisiky mandrakizay.

Chapter 122

¹Hira fiakara, nanovy Yaveh. Faly zaho lafa nivola tamiko hozao ndrozy: "Ndao tsika ho an-trano Yaveh ao." ²Ry Jerosalema, ty tombonay le avy amy ty vavahadinao! ³Ry Jerosalema, ze namboary manahaky ty tana nalamy soa! ⁴Ty foko a ty Yaveh niakatsy ta Jerosalema tany--- foko a Yaveh rey--- mba fijoroa vavolombelo ho tiahy Israely, hanomeza fisaora ty anara Yaveh. ⁵Nenga tany ty sieza fiadana ty fitsara, seza fiadana ty trano ahy Yaveh. ⁶Mivavaha ho amy ty fiadana an'i Jerosalema! "Engaho azy tea anao rey hana fiadana. ⁷Engaho hisy fiadana amy ty manda ze miaro anao rey, sady engaho ndrozy hana fiadana amy ty fiarovanao mare." ⁸ho tiahy ty rahalahiko noho ty namako rey le hivola hozao zaho: "Ho aminareo eo lahy ty fiadana." ⁹Ho tiahy trano Yaveh Ndranaharitsika, le mila ty hahasoa anareo zaho.

Chapter 123

¹Fihira fanganiha. Aminao ro hampanenteako ty masoko, Iha ze mipetraky amy seza fiadana an-danitsy any.

²Ingo,laha manenty ty tana ty tompony ty maso ty mpanompo lahilahy rey, laha manenty ty tana ty mpiasa ampela rey , le manenty an'i Yaveh Ndranaharitsika ty masotsika zisiky andeferany amitsika.³Andefero zahay, Yaveh o, omeo fandefera zahay, fa atsiky fafaham-baraky zahay. ⁴Mandilatsy lavitsy ty noho atsiky ty takiotsy ty tsy mampisy dikany noho ty fanaboka ty mpirengirengy rey zahay.

Chapter 124

¹Fihirana fanganiha; nanovy Davida. "Laha tsy tanilatsika teo Yaveh," le engaho hivola hozao Israely: ²"lafa tsy Yavehro tanilatsika eo lafa nitsanga hanohitsy ty olo, ³le hihina tsika velo ndrozy lafa nirehitsy tamitsika ty helondrozy.⁴Mety fa nofafa tamy ty rano tsika; sady nanavotsy antsika ty riaky. ⁵Avy eo ty rano mikovonta nahafaty antsika." Isaora lahy Yaveh, azy nanenga antsika ho haza ty hindrozy.⁷ Fa tafilay manahaky ty voro tamy ty fandriky mpihaza rey tsika; simba azy fandriky iny, sady afaky nilay tsika.⁸, Amy Yaveh ao, ze namboatsy ty lanitsy noho ty tany ro famonjea antsika.

Chapter 125

¹Fihirana fanganiha. Azy matoky an'Yaveh rey le manahaky ty vohitsy a Ziona, tsy hay hozongozony, maharitsy mandrakizay. ²Manahaky ty vohitsy mihodidy an'i Jerosalema, ro hiodidiny Yaveh ty olony henany io noho mandrakizay. ³Tsy tokony hanapaky amy ty tany ty to ty kobay ty mpanao raty. Laha tsy zay le mety hanao raty ty to rey. ⁴Manaova ty soa, amy azy soa rey noho ze mahity am-pondrozy. ⁵Fa azy miala amy ty lala ratindrozy rey, le hitariky androzy lavitsy mpanao raty rey Yaveh. Ho amy Israely lahy ty fiadana.

Chapter 126

¹Fihirana fanganiha. Lafa nampipoly ty hanagna i Ziona Yaveh, le manahaky manonofy rey tsika.²Bakeo homehy ty vavatsika sady hihira ty lelatsika. Le hozao tiasandrozy tamy firenena rey manao hozao: "Nanao raha bevata hoahindrozy rey Yaveh."³Nanao raha bevata hoahitsika Yaveh; ho tiafaliantsika!⁴Yaveh o, ampolio ty hanagnanay, manahaky ty riaky a Negeva ao.⁵Azy mamafy am-pilamina le hanapaky amy ty fifalia. ⁶Ze mandeha mitany, manday voa hafafy, le mimpoly amy ty koraky ampifalia ndraiky ty amboarany miaraky aminy.

Chapter 127

¹Fihirana noho fanganiha, nanovy Salomona. Laha tsy Yaveh ro namboatsy ty trano, le miasa avaandrozy, ze manamboatsy zay. laha tsy Yaveh ro miamby ty tana, le mitsanga miamby avao ty mpiamby. ²Raha fahatany hoahinareo ty fifohaza maray, noho holy an-trano any, ndra hihina ty mofo ty asa mare, safe Yaveh ro manome hoahy ty teany lafa ndrozy miroro rey. ³Ingo, lova baka amy Yaeh ty anaky, sady takalo baka amy ty vokatsy ty tsarotso. ⁴Manahaky ty kititsy an-tana ty mpialy rey, le manahaky zay koa ty anaky ty fahatanora. ⁵Manao akory ty fahasambara ty olo ze mana kitapo atsiky bala rey. Tsy ho menatsy ndrozy lafa miatriky ty vahavalony ambavahadiny eo.

Chapter 128

¹Fihira fanganiha. Sambatsy iaby ty manome voninahitsy an'Yaveh, ze mandeha amy ty lalany. ²Ze amea ty tananao, le teakanao; ho sambatsy noho harova iha. ³anahaky ty voaloboky mamokatsy an-tranonao ao ty valinao; hanahaky ty anaky oliva anakinao rey laha mipetraky mihodidy ty labonao ndrozy. ⁴Eka ho sambatsy vatany ty olo ze manome voninahitsy an'Yaveh. ⁵Hitahy anao baka a Ziona any lahy Yaveh; hahita ty fitahia an'i Jerosalema zisiky amy ty andro hivelomanao iaby lahy iha. ⁶Ho velo lahy iha mba hahita ty zafinao rey. Ho amy Israely lahy ty fiadana.

Chapter 129

¹Fihira fanganiha. Engaho hivola hozao Israely: ²"Baka amy ty fahatanorako le tsikanikany ndrozy manafiky ahy , fe tsy maharesy ahy ndrozy. ³Nihaliandrozy mpihaly rey ty lambosiko; nalavandrozy ty toera niasany. ⁴To Yaveh; nanapaky ty taly ty raty rey Ie." ⁵Enganie hafahy baraka iaby ndrozy sady himpoly, le azy malay an'i Ziona rey. ⁶Hanahaky ty lanitsy anabo ty trano ze halazo aloha ty hitomboan'zay lahy ndrozy, ⁷ze tsy afaky manatsiky ty tana ty mpanapaky ndra ty tratra ty miamby ty vokatsy. enganie azy mandrio rey tsy hivola hozao: ⁸"Enganie ho aminao ty tsipirano ahy Yaveh; mitsipy rano anao amy anara Yaveh zahay."

Chapter 13

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Zisiky ombia , lahy Yaveh, ro halinonao ty momba ahy? ²Zisiky ombia ro amonianao ty vatanao amiko? Zisiky ombia va ro tsy maintsy havakako noho hananako alahelo anaiko ato sanandro? Zisiky ombi va ty fahavaloko ro handresy ahy?³Hentao zaho sady valio, lahy Yaveh Ndranahary o! Ameo fahazava ty masoko, tsy no tandre ty rorom-pahafatesa zaho. ⁴Ka enga hivola hozao ty fahavaloko: "Fa nandresy azy zaho," mba tsy hivola ty vahavaloko manao hozao: " Fa nandresy tany rafiko rey zaho;" laha tsy zay, le hifaly fahavaloko rey lafa tonta zaho.⁵Fa mariniky ty tsy fivaliham-panenkeanao zaho; faly amy ty famonjena ty foko. ⁶Hihira hoahy Yaveh zaho safe le vatany tsy natity tamiko ie.

Chapter 130

¹Fihirana fanganiha. Tamy ty halaliky zaho ro nikaiky Anao, lahy Yaveh. ²Tompo o, jajino ty feoko; tokony janjininao soa ty fangatahako fandefera ty sofinao. ³Laha mieritseritsy ty hadisoa Iha, lahy Yaveh, le ia va ro hahatsanga, lahy Tompo? ⁴Fa misy fanenga ty miaraky Aminao, mba ho haja Iha. ⁵Miamby an'Yaveh zaho, miamby ty fanahiko, sady mitama amy ty safanao eo zaho. ⁶Miamby an'i Tompo mandilatsy ty mpiamby miamby ty maray ty fanahiko. ⁷Ry Israely, tamano Yaveh mpandefitsy Yaveh, sady le vatany vono hanenga Ie. ⁸Ie ro hanavotsy an'Israely amy ty fahadisoa iaby.

Chapter 131Fihira fanganiha; nanovy Davida.

¹Ry Yaveh, tsy mirengirengy ty fokona miavonavo ty masoko. Tsy mana fanatena bevata hoahy ty vatako zaho ndra misalasala ty vatako amy ty raha ze mandilatsy ahy rey.²Fa nampahery noho nampitsy ty fanahiko vatany zaho; manahaky ty aja nala nono tamy ty reniny, ty fanahiko anaiko ao le manahaky ty aja nala nono. ³Ry Israely, mitama an'Yaveh henanizao sady mandrakizay.

Chapter 132Fihira fanganiha.

¹Ry Yaveh, noho amy Davida le tiarovo iaby ty fiajaleany. ²Tiarovo ty fomba nifantany tamy Yaveh, ty fomba nanaovany voady tamy azy Mahery ahy Jakoba. ³Hozao tiasany: "Tsy hihility ty tranoko zaho ndra ho amy ty kitreliko ao, ⁴tsy hanome torimaso ty masoko zaho ndra fangala vozaky hoahy ty masoko ⁵zisiky hahitako toera hoahy Yaveh, azy tabernakely ho tiahy AZy Mahery ahy Jakoba." ⁶Ingo, nahare mikaisky zy ta Efrata zahay; nahita zay tamy tany Jara tsika. ⁷Handeha ho amy tabernakely Ndranahary tsika; hanompo amy ty fipetraha ty tombony any tsika. ⁸Mitsanga, lahy Yaveh, amy ty toera fialanao vozaky, Iha noho ty fiara ty herinao! ⁹Ho ampisikiny siky tsy fivaliha mpisoronao rey lahy; hikoraky fifalia any lahy ty mahatokiano rey. ¹⁰Noho amy Davida mpanomponao, le ka miala amy ty mpanjakanao nohosora. ¹¹Nifanta voady azo tamany tamy Davida yaveh, fifanta azo tamany ze tsy ho fafanay manao hozao: "Hanenga raiky amy ty tarihanao rey ho amy ty seza fiadananao eo Zaho. ¹²Laha mitanjaky ty faneneko noho ty lala ze nanoviko androzy ty anakilahinao rey, le hipetraky amy ty seza fiadananao mandrakizay avao koa ty anandrozy rey. ¹³Azo tamany fa hitinggy an'i Ziona yaveh, naniry azy zaho hoahy ty pilasiny Ie. " ¹⁴Toy ty pilasiko fiiala havoza hako mandrakizay. Hipetraky eto Zaho, fa maniry azy Zaho. ¹⁵Ho tahiako amy ty fanomezako iako ie. Hameako fahafaham-po amy ty mofo ty tsy manany. ¹⁶Hampisikinako famonjea mpisorony rey, hikoraky fifalia mahatokiny rey. ¹⁷Any ro hananoviko tsifa mitiry hoahy Davida noho henengako jiro hoahy ty nohosora. ¹⁸Hampisikinako henatsy ty vahavalony rey, fa amine eo ro hipiriaky ty satro-boninahitsiny."

Chapter 133

¹Fihira fanganiha, nanovy Davida. Ho ty hasoa y mpirahalaha miharo petraky!²Manahaky ty soliky soa amy ty loha araraky amy ty somitsy zay---sootsy Arona, le bakeo araraky amy ty moro ty tombony ty sikiny lavany zay.
³Manahaky ty andon'i Hermona ze miraraky amy ty vohitsy Ziona zay. Fa teo Yaveh ro nandidy ty fahasoava---faina mandrakizay.

Chapter 134

¹Fihirana fanganiha. Avia, misaora an'Yaveh, nareo mpanompo an'Yaveh iaby, nareo ze manompo ziskiky ty haly an-trano Yaveh ao. ²Ampiakaro amy azy fitoera masy any ty tananareo sady misaora an'Yaveh. ³Hitahy anareo baka a Ziona lahy Yaveh, Ie ze namboatsy ty lnanitsy noho ty tany.

Chapter 135

¹Manompoa an'Yaveh. Manompoa ty anara Yaveh. Manompoa Azy, nareo ry mpanompo an'Yaveh, ²nareo ze mitsanga an-trano Yaveh ao, amy kianja ty tranon-Dranahary ao. ³Manompoa an'Yaveh, fa soa Ie; mihira fanompoa hoahy ty anarany, fa soa manao zay. ⁴Fa nitingy an'i Jakoba hoahy tiahy ty vatany Yaveh, sady Israely ho hanagnany. ⁵Haiko fa bevata Yaveh, sady anabo mandilatsy ty ndranahary iaby ty Tompotsika. ⁶Ndra ino ndra ino irin'Yaveh, le anoviny an-danitsy any, an-tany etoy, amy ty riaky eny noho ty rano laliky iaby. ⁷Manday ty zavona baka lavitsy Ie, manao ty tselatsy miaraky amy ty ranon'ora sady mampiboaky ty tsioky baka amy ty trano fitehirizany. ⁸Namono ty veloha teraky Egypta Ie, ndra ty olo ndra ty biby. ⁹Nandefa famantara noho hatsereha tanivonareo, Egypta rey Ie, tsy nanoriky an'i Farao noho ty mpanompony iaby rey ie. ¹⁰Nanafiky firenena lako noho namono mpanjaka mahery Ie, ¹¹le i Sihona mpanjaka tiahy Amorita noho Oga mpanjakan'i Basana sady fanjaka iaby ta Kanana ao rey. ¹²Nameany ho lovantsika ty tanindrozy, lova hoahy ty Israely olony. ¹³Ty anaranao, lahy Yaveh, le maharitsy mandrakizay; ty lazanao, lahy Yaveh, le maharitsy heniky ty tariha iaby. ¹⁴Fa miaro ty olony Yaveh sady mana fo miferinay amy ty mpanompony rey. ¹⁵Ty sampy ty firenena rey le volafoty noho volamena, nasa ty tana ty olo. Mana ¹⁶vava sampy rey, fe tsy mivola; mana maso ndrozy, fe tsy mahita; ¹⁷mana sofy ndrozy, fe tsy mahare, sady tsy misy fofn'ay ambavandrozy ao. ¹⁸Azy manao androzy rey le manahaky androzy, manahaky ty olo iaby ze matoky androzy rey. ¹⁹Ry tarihan'Israely, misaora an'Yaveh; ry tariha i Arona, misaora an'Yaveh. ²⁰Ry tariha i Levy, misaora an'Yaveh; nareo ze manome voninahitsy an'Yaveh, misaora an'Yaveh. ²¹Isaora lahy Yaveh ze a Ziona, Ie ze mipetraky a Jerosalema. manompoa an'Yaveh

Chapter 136

¹Manese fisaora hoahy Yaveh; fa soa Ie, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ²Manese fisaora hoahy Ndranaharinareo ndranahary, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ³Manese fisaora hoahy ty Tompo ty tompo, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ⁴Manese fisaora ho tiazy fa Ie raiky avao ro manao raha mahatseriky bevata, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy--- ⁵fa tamy ty fahirany ro nanamboarany ty lanitsy, fa mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ⁶Aneseo fisaora Ie azy namelatsy ty tany anabo ty rano, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy--- ⁷ho Tiazy azy nanao ty fahazava bevata, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ⁸Aneseo fisao Ie ze nanome ty mahasoandro mba hanapaky amy ty andro, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandeferany--- ⁹ty volana noho kintana mba hanapaky lafa aly, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ¹⁰Manesea fisaora ho Tiazy azy namono ty talan'olo lahilahy ahy Egipta, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy--- ¹¹sady naday an'Israely niboaky kaba amindrozy eo, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy--- ¹²tamy ty tanany mahery noho ty sandry nampakary, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ¹³Manesea fisaora ho Tiazy azy nampisaraky ty Riaky Mena , fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera--- ¹⁴noho nampianatsy an'Israely tanelanela zay eo, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera--- ¹⁵fe nanarasara an'i Farao noho ty miaramilany tamy Riaky Mena, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera . ¹⁶Manesea fisaora ho Tiazy azy nitariky ty olo tanefitsy tany, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera--- ¹⁷noho ho an'iazay namono azy mpanjaka bevata rey fa mandrakizay ty fananany fandefera. ¹⁸Manesea fisaora ho Tiazy namono mpanjaka malaza, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera ¹⁹Ie i Sihona mpanjaka ty Amorita fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera--- ²⁰noho i Oga mpanjaka an'i Basana, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera. ²¹Manesea fisaora ho Tiazy azy naome ty tanindrozy ho lova, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mahay mandefitsy--- ²²Ie lova hoahy Israely mpanompony, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy--- ²³ho Azy nahatiaro antsika noho namonjy antsika fahafaham-barakatsika, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fo mandefitsy. ²⁴Aseseo Aminy ty fisaora azy fa nanome fandreseha antsika tamy ty fahavalotsika rey, fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera--- ²⁵Ie azy nanome hany hoahy ty kila raha managnay iaby fa maharitsy mandrakizay ty fananany fandefera. ²⁶Oh, manesea fisaora ho ahy Ndranahary ty lanitsy , fa mandrakizay ty fananany fandefera.

Chapter 137

¹Tanila ty rano Babilona zahay ro nipetraky noho nitany laha nahatiaro ty amy Ziona. ²Tamy hazo malahelo teo ro nanatonanay harpa nay rey tany. ³Tany ro nangataha ty mpanambotsy anay rey hihira, sady azy nanakiosy anay rey le nangataky anay mba hifety, nanao hozao: "Manaova hira raiky amy ty hira Ziona rey mba ho ahinay."
⁴Amy fomba akory ro hananovanay hira mikasiky an'Yaveh amy tany hafa atoy?⁵Laha haliniko ty fahatiarova anao, lahy Jerosalema, le engaho tsy hahay hititiky sasy ty tanako ankavana. ⁶Engaho hipitiky amy ty lanilaniko ty lelako laha ohatsy kka tsy mieritseritsy anao sasy zaho, laha ohatsy ka tsy tea an'i Jerosalema mandilatsy ty teako mare zaho. ⁷Tiarovo lahy Yaveh, ze nanoviko tamy ty andro naharava an'i Jerosalema. Hozao tiasandrozy: "Ravaravao zay, ravao baka amy ty fakany."⁸Ti anakampela i Babylona, tsy ela le ho rava--engaho hotahia ty olo, azy olo mamaly ze fa tanoviny anay. ⁹Hotahia lahy ze olo mangalaky sady mandravarava ty anakareo amy ty lafiam-bato.

Chapter 138Salamo nanovy Davida.

¹Hanesitsy fisaora ho Ahinao amy ty foko iaby zaho; anatreha Ndranahary eo ro hihirako fanompoa ho Ahinao.

²Handohaliky amy ty fiangonanao masy zaho sady hanome fisaora ho ahy ty anaranao amy ty fanenkeanao mahatoky noho amy ty fahasoa ty fahatokiana. nanao ty safanao noho ty anaranao ro raha bevata mandilatsy ty raha hafa iaby Iha. ³Tamy ty andro nikaihako Anao, le namaly ahy Iha; nampahery noho nampatanjaky ty fanahiko Iha. ⁴Nanome fisaora Anao ty mpanjaka ty tany iaby, lahy Yaveh, fa nahare safa baka amy ty vavanao rey ndrozy. ⁵Eka vatany, hihira ty asa Yaveh ndrozy, fa bevata ty voninahitsy Yaveh. ⁶Fa ndra abo az Yaveh, le mbo miaro ty manambany ty vatany, azy mpirengirengy rey aza le hainy baka lavitsy eny. ⁷Ndra mandeha anivo ty loza aza zaho, le hiaro ty aiko Iha; hampiangampatsy ty tananao hanaka ty heloky ty fahavaloko rey Iha, sady ty tananao ankavana hamonjy ahy. ⁸Miaro ahy zisiky amparany Yaveh; ty fandeferanao, lahy Yaveh, le maharitsy mandrakizay. Ka halino azy niasa ty tananao.

Chapter 139

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Ry Yaveh, fa nandiniky ahy Iha, sady hainao zaho. ²Hainao zaho lafa mipetraky noho lafa mitsanga; hainao baka lavitsy eny ty eritseriko³Mieritserisy ty lsisko noho ty firoroako Iha; hainao soa iaby ty lalako. ⁴Fa taloha nampisy ty safatamy ty lelako, le hainao soa zay, lahy Yaveh. ⁵Mihodidy alohako noho afarako ao Iha sady manenga ty tananao amiko. ⁶Sarotsy amiko mare ty fahalala manahaky zay, sady anabo mare, le tsy ho azoko zay.⁷Aia va ro hialako amy ty fanahinao? Aia va ro hilaisako amy ty fanatrehanao? ⁸Laha miakatsy an-danitsy zaho, le any Iha; laha manao ty kitreliko amy ty fiaina tsy hita zaho, le ingo, fa any Iha.⁹Laha mility amy ty eltsy ty maray zaho sady mandeha mba hipetraky amy ty fara ty riaky, ¹⁰ndra any aza mbo mitariky ahy ty tananao, sady ty tananao ankavana ro hitanjaky ahy.¹¹Laha mivola hozao zaho: "Handomboky vatany ty maiiky, sady ty hazava hanjarymaiiky mihididy ahy," ¹²ndra ty haly aza tsy ho maiiky aminao. Sady hazava manahaky ty atoandro ty haly, fa laha aminao le mifanahaky ty maiiky noho ty hazava.¹³Iha ro namoro ty anaiko ao; namboarinao tan-troky ty reniko tao zaho. ¹⁴Hanompo Anao zaho, fa mahatseriky ty nanamboara ahy. Le vatany hay ty saiko soa zay.¹⁵Tsy nivony taminao ty taolako tamy mbo nohajaria tamy fivoniako zaho, tamy zaho mbo namboary mare tamy ty tany laliky. ¹⁶Nahita ahy tam-troky tao Iha; ty andro iaby notingina ho ahy le fa voasoratsy amy bokinao ao ndra mbo tsy nihoaky aza ty velohany.¹⁷Ho ty hasarota ty fieritseretanao ahy, lahy Ndranahary! Manao akory ty halako ty fiharoandrozy! ¹⁸Laha hanoharako hisahy rey, le lako ty hisany mandilatsy ty fasy. Lafa zaho ro mifoha, le mbo miaraky Aminao.¹⁹Laha mba mamono ty raty fanahy Iha, lahy Ndranahary; le misitaha amiko, nareo olo raty finehaneha. ²⁰Mila aly aminao ndrozy sady mangalaky ampitaky; mivola raha vandy azy fahavalonao rey.²¹Vasa tsy malay, azy malay Anao ry zaho, lahy Yaveh? Vasa tsy mampisy dikany azy mitsanga hanohitsy Anao rey va zaho? ²²Le vatany malay androzy rey zaho; fa nanjary fahavaloko ndrozy.²³Erereo zaho, Ndranahary o, sady fantaro ty foko; henteo ty toetsiko le fantaro ty fandihako. ²⁴Henteo laha misy toetsy raty anaiko ato, sady tariho amy ty lalanao mandrakizay zaho.

Chapter 14

¹Ho tiahy mpipaiky hira. Salamo nataoy Davida . gny gegy mivola agnay hoe: "tsy misy Ndragnahary." Simba ty toetsin-drozy sady fa nanao hadisoa fahavetaveta ;tsy misy ndra raiky aza manao ty soa.²Miondriky manenty ty anak'olombelo baka amy ty lagnitsy egny yaveh mba hanenty laha misy mahay ,noho mila Azy. ³Samby fa niodaky lala hafa iaby ndrozy. Samby simbs toetsy iaby. Tsy misy manao ty soa,tsy misy ndra raiky aza.⁴Tsy mahay ndra ino ino va ndrozy,rozy ze mpanao hadisoa ,iazay mpihina ty oloko rey manahaky ty fihinany mofo,fe tsy mikaiky any Yaveh?⁵Nangitikitiky ty tahotsy ndrozy, safe Ndragnahary le momba ty fiangona to! ⁶Maniry ty hanafa-baraky ty olo mijaly iha ndra Yaveh aza ro alokiny.⁷Hoy aho lahy ,zay famonjea ty Israely zay le ho avy amy Ziona any! Lafa manay ty olony avy baka amy ty fahagadra i Yaveh, le ho rava i Jakoba sady ho faly ty Israely iaby.

Chapter 140

¹Hoahy ty mpihira. Salamo naovy Davida. Yaveh o, vonjeo amy raty fanahy rey zaho; embeno amy ty olo mafy fininitsy rey zaho. ²Mieriteritsy hanao raty anainy ao ndrozy; mila aly saky sanandro ndrozy. ³Mandratsy manahaky ty bibilava ty lelandrozy; ty poizy ty menarana ro amy ty soniny eo. Sela⁴Embeno amy ty tana ty raty fanahy zaho. ry Yaveh; embeno amy ty olo mafy fininitsy noho hamandriky ahy zaho. ⁵Fa nanenga fandriky ho tiahy azy mpirengirengy rey; fa nampiparitaky ty haratony ndrozy; fa nanenga fandriky ho tiahy ndrozy. Sela⁶Hozao tiasako amy Yaveh: "Ndranahariko Iha; janjino ty tany ty fiferinesa." ⁷Ry Yaveh, Tompoko o, le vatany afaky mamonjy ahy Iha; miaro ty lohako amy ty andro ty aly Iha. ⁸Ry Yaveh, ka mamaly ty faniria ty raty fanahy; enganie tsy hanjary ty hevitsy ratindrozy. Sela⁹Azy mihodidy ahy rey le mampitangiriky ty lohany; engaho ty fialonandrozy rey avao ro handomboky ty lohandrozy. ¹⁰Engaho ho hilatsaha ty bolon'afo amindrozy eo; atoraho anay ty afo ndrozy, le amy lavaky tsy hita fiafara ao, le tsy ho avotsy sasy. ¹¹Enganie ty olo tsy mahay vava tsy hanamboatsy fitoera amy ty tany; engaho hanitsakitsaky ty raty fanahy ty loza mba hamaty azy. ¹²Fa haiko fa hitsara ty mijaly amy ty fandefera i Yaveh, sady hanome haton'ny amy ty mijaly. ¹³Azo antoky fa ty olo to le hisaotsy ty anaranao; hiay amy ty fanatrehanao eo azy olo mahity rey.

Chapter 141Salamo nanovy Davida.

¹Ry Yaveh, mitoreo Aminao zaho; lomaiza ho amiko atoy. Janjino zaho laha mikaiky Anao. ²Enganie ty fivavahako hanahaky ty ditin-kazo manitsy anatrehanao eo; enganie manahaky ty soro hariva ty fananganako ty tanako³Ry Yaveh, asio mpiamby amy vavako eo; embeno ty varavara ty soniko. ⁴Ka enga hitsiritsy raha raty ty foko ndra handramby anjara amy ty fahalotoa miaraky amy ty olo ze manday ty vatany ho rat. Ka enga hihina ty hanisoa androzy zaho.⁵Engaho ty olo to hanisy ahy; fa ho fandefera amiko zay. Engaho hananatsy ahy ie; hanahaky ty soliky amy ty lohako eo zay; enganie ty lohako tsy handa fa hanenky zay. ⁶Fa ty fivavahako le manaka ty asa ratindrozy saky sanandro. Hatoraky baka anabo ty lavaky azy mpitariky androzy rey ho rendrozy fa ty safako le mahatandre. ⁷Le hivola manao hozao ndrozy: "Manahaky ty olo miasa noho mialy ty baibo, le fa nabay tam-bava ty fiaina tsy hita ty taolanay."⁸Aminao vatany ty masoko, lahy Yaveh, Tompo; aminao ao ro hialofako; ka manenga ty fanahiko tsy hisy mpiaro. ⁹Embeno amy ty fandriky ze fa navelatsindrozy ho tiahy zaho, amy ty fandrizky ty mpanao raty rey. ¹⁰Engaho azy ray fanahy rey ho ravoky amy ty haratony lafa zaho milay.

Chapter 142Maskiila ahy Davida, laha tanay ty lakato ie; Fivavaha.

¹Amy ty feoko ro itorevako ty famonjea ahy Yaveh; amy ty feoko ro angatahako ty fankasitraha an'yaveh.

²Hambarako alohany eo ty toreoko;volaniko aminy eo ty fijaliako rey.³Lafa Lafa anay ty fanahiko,le Iha ro mahay ty lalako. Amy ty lala ze andinako ro namoniandrozy fandriky ho ahy. ⁴Manenty ty ankavanako zaho le mahita fa tsy misy olo midary ahy, tsy misy hiriky ho tiahy; tsy misy olo midary ty fiaiko. ⁵Nikaiky Anao mare zaho, lahy Yaveh; le nanao hozao: "Iha ro fialofako, anjarako amy ty tany ty velo."⁶Janjino ty kaiko, fa mijaly mare zaho; vonjeo amy ty mpanenjiky ahy rey zaho, fa mehery mandilatsy ahy ndrozy. ⁷Aboaho amy ty tarno maiiky ty saiko mba ahaizako manesy fisaora ty anaranao. Hivory mihodidy ahy ty olo to safe Iha ro fa soa tamiko."

Chapter 143Salamo nanovy Davida. Janjino ty fivavahako, lahy Yaveh;

¹Janjino ty fangatahako. Noho ty fahatokiana noho ty fahamarinanao, le valio zaho! Ka² tsara ty mpanomponao, safe amy masonao eo le tsy misy olo to.³Nanenjiky ty fanahiko ty fahavaloko; nagnia ahy baka ambany ty tany ie; nampipetrahy ahy tany ty maiiky manahaky ty fa nimaty ela rey ie. ⁴Kivy anay ty fanahiko; mamoy fo zaho.
⁵Mahatiaro tany ty andro taloha zaho; mieritseritsy ty asanao iaby zaho; mieritseritsy ty raha nivitanao.
⁶Mamelatsy ty tanako ho Ahinao amy ty fivavaha zaho; mila Anao ty fanahiko amy ty tany maiky. Sela⁷Malaky hamaly ahy, Yaveh o,fa vozaky ty fanahiko. Ka ahy ty vatanao,laha tsy zay le hanjary hanahaky tyazy mijotso andavaky any zaho. ⁸Engaho ho reko ty fandeferanao lafa maray, safe matoky anao zaho. Atoro ahy ty lala ze tokony handinako, fa hampiakatsy ty fanahiko amina zaho.⁹Afaho amy ty fahavaloko zaho, lahy Yaveh; milay amina eny zaho mba hivony. ¹⁰Ampianaro zaho mba hanao ty sitraponao, fa Ndranahariko Iha. Ty Fanahinao so alahy ro hitariky ahy amy ty tany ty fahitia any.¹¹Ry Yaveh, noho amy ty anaranao, tanjaho ty fahavelomako; amy ty fahitiana andeso miala amy ty fijalia ty fanahiko. ¹²Amy ty fandeferanao alao fahavaloko rey sady ravao ty fahavalo ty aiko iaby rey, fa mpanomponao zaho.

Chapter 144

¹Ho tompoa lahy Yaveh, lafiam-batoko, ze nampianatsy ty tanako ho amy ty aly sady ty rambon-tanako ho amy ty aly. ²Iha ro fanenkea tamany noho fiarova mare ho tiahy, fiarova abo ho tiahy noho azy mpamonjy ahy, fiarovako noho fialofako, azy manambany firenena rey ambaniko. ³Yaveh o, Ino amy ty olo ro talakinao ndra ty olombelo ro handinihanao azy? ⁴Manahaky ty fofon'ay tyolo; manahaky ty aloky mandrio androany rey. ⁵Vohao ty lanitsy le milira, lahy Yaveh; tsapao vohitsy rey le asio setroky. ⁶Andefaso tselatsy fahazava le aparitaho fahavaloko rey; mitifira amy ty kititsinao le andeso mimpoly amy ty fifampiala ndrozy. ⁷Amparo baka amy ty tanao; afaho zaho hiala amy ty rano lako, amy ty tana ty olo hafa firenena. ⁸Ty vavandrozy mivola raha vandy, sady ty tanay an-kavana le verivery. ⁹Hihira fihira vaovao ho Ahinao zaho, Ndranahary o; amy valiha toro folo ro hihirako fanompoa ho Ahinao. ¹⁰ze manome famonjea ho ahy ty mpanjaka ze namonjy an'i Davida mpanompoanao tamy ty mesobe ty raty. ¹¹Afaho amy ty tana ty olo hafa firenena rey zaho. TY vavandrozy mivola vandy, sady ty tanany an-kavana le verivery. ¹²Hanahaky ty hazo tsy ela tombo rey lahy ty anakinay lahilahy amy ty fahatanorany sady ty anak'ampelanay rey hanahaky ty vato fehizoro voasokitsy, maeva manahaky ze an-dapa ao rey. ¹³Ty trano fanajarianay lahy ho atsiky karazam-bokatsy iaby, sady ty aondrinay anie hamokatsy an'arivony noho analy amy ty baibo nay rey. ¹⁴Le hann'anaky lako ty aombinay. Tsy hisy olo hamaky ty mandanay; tsy hisy fandroaha sady tsy hisy tany amy ty lalanay eo. ¹⁵Notahia ty olo ze mana fitahia zay; sambatsy ty olo ze mana an'Yaveh ho Ndranahariny.

Chapter 145

¹Salamo fanompoa. Nanovy Davida. Hanondrotsy Anao zaho, lahy NDrana hariko, mpanjaka o, hamompo ty anaranao zisiky amparany. ²Hanompo Anao saky sandro zaho zaho; hanompo ty anaranao zisiky amparany zaho. ³Bevata Yaveh sady maeva ho tompoa mare; tsy takatsy ty say ty habevatany. ⁴Ty tariha iaby hanompo ty asanao amy ze misolo azy noho hanambara ty asanao mahery. ⁵Hieritseritsy ty laza ty voninahitsinao noho ty asanao mahatseriky rey zaho. ⁶Hivola mikasiky ty hery ty asanao rey ndrozy, sady hanambara ty voninahitsinao zaho. ⁷Hanambara ty halako ty hasoanao ndrozy, sady hihira mikasiky ty hatonao. ⁸Miferinay noho mpandefitsy Yaveh, tsy malaky meloky say be fandefera. ⁹Soa amy kila iaby Yaveh; henniky ty asany aiby ty fiferinesany. ¹⁰Ze namboarinao iaby le hanesy fisaora ho Ahinao, lahy Yaveh; azy matokinao rey hisaosy Anao. ¹¹Azy atokisanao rey hanambara ty voninahitsy t fanjakanao, sady hivola ty herinao ndrozy. ¹²Hampahaizindrozy ty anak;olombelo heriny rey ty asan-Drana hary noho ty hasoany fipiriaky ty fanjakany. ¹³Ty fanjakanao le fanjaka maharitsy mandrakizay, sady ty fanapahanao le haharitsy baka amy ty tariha iaby. ¹⁴Yaveh mitoha ze ravoky iaby sady mampitsanga iaby ze kivy. ¹⁵Miamby Anao iaby ty maso iaby; hameanao androzy amy ty fotoa mety ty haniny. ¹⁶Mamelatsy ty tananao Iha sady mahafa-po ty faniria ty raha managnay iaby. ¹⁷To amy ty liliny iaby Yaveh sady mandefitsy amy ze anoviny iaby. ¹⁸Anila ze mikaiky Azy iaby Yaveh, amy ze mikaiky Azy iaby amy ty famendream-pitokia. ¹⁹Manatanteraky ty faniria ze manaja Azy Ie; mahare ty toreondrozy Ie sady mamonjy androzy. ²⁰Miamby ze tea Azy iaby Yaveh, fa ho ravany aiby ze raty fanahy. ²¹Hanambara fanompoa hoahy Yaveh ty vavako; tokony hanompo ty anarany masy zisiky amparany iaby ty olombelo.

Chapter 146

¹Manompoa an'Yaveh. Manompoa an'i Yaveh, ry fanahiko. ²Hanome fanompoa hoahy Yaveh zaho amy ty fiainako iaby; hihira fanompoa hoahy Ndranahariko zaho laha mbo velo avao. ³Ka manenga ty fitokiana amy ty mpanjaka ndra ty olombelo, amy ty tsy misy famonjea. ⁴Lafa mitsanga ty fofonay ty olo, le holy amy ty tany ie; amy andro zay ro tampitsy ty finiriany. ⁵Sambatsy ze mana Andranaharin'i Jakoba hanampy azy, ze mana fanantena amy yaveh Ndranahariny ao. ⁶Namboatsy ty lanitsy noho ty tany Yaveh, ty riaky, noho ze kila raha aminy ao; midary ty famendreham-pitokia mandrakizay Ie. ⁷Manatanteraky fahamarina hoahy ty nampijalea Ie sady nanome hany ty mosary. Manafaky ty gadra Yaveh; ⁸Nampanenty ty maso ty jiky Yaveh; Mampijanga ze mandohaliky Yaveh; Tea olo to Yaveh. ⁹Arova Yaveh ty vahiny amy ty tany; manondrotsy ty kamboty noho ty tsy manambaly ie, fa manaboka ty raty fanahy avao koa. ¹⁰Hanjaka mandrakizay yaveh, Ndranaharinao, ry Ziona amy ty tariha iaby. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 147

¹Manompoa an' Yaveh, fa soa ty mihira fanompoa ahy Ndranaharitsika, soa zay, sady mety ty manompo.

²Nampitsanga an'i Jerosalema ndraiky Yaveh, mampiharo ty olon'Israely Ie.³ Mitsabo ty marary fo ie sady mamatotsy ty ferindrozy.⁴ Manisa ty kintana rey ie, sady nanome anara androzy iaby.⁵ Bevata Ndranaharitsika sady mahatseriky ty heriny, ty fahazavan-tsainy tsy azo metary.⁶ manondrotsy ty mijaly Yaveh, sady manambany ty raty fanahy amy ty tany.⁷ Mihira hoahy Yaveh amy ty fisaora, mihira fidera amy ty lokanga hoahy Ndranaharitsika.⁸ Manomboky ty lanitsy amy ty raho Ie sady manoma ty ranon'ora hoahy ty tany, mampitiry ty akata amy ty vohitsy.⁹ Manome hany hoahy ty biby Ie sady ahy ty goaky tanora lafa mitoreo rey.¹⁰ Tsy mahita sitraky amy ty hery ty soavaly ie, tsy mahazo tsirony amy ty tanjaky ty tombotsy ty olo Ie.¹¹ Yaveh le manoriky ze manaja azy, ze manantena ty fandeferany.¹² Manompoa an'Yaveh, ry Jerosalema, manompoa Andranaharinao, ry Ziona.¹³ Fa manamafy ty hily ty varavaranao Ie, mitahy ty anakinao aminao eo Ie.¹⁴ Manday hasoava anay ty faritsy ty taninao Ie, mahafao anao amy ty vary tritrika soa Ie.¹⁵ Mandefa ty liliny amy tany Ie, hilay mare ty liliny.¹⁶ Manao oram-panala hanjary manahaky ty volo ty aondry Ie, mampiely ty nintsy manahaky ty lavenoky ie.¹⁷ Mizara ty havandra manahaky ty potipotin-draha Ie, ia va ro hahazaka ty nintsy alefany? ¹⁸Mandefa ty liliny rey Ie sady mandevo zay, mampiala ty tsioky sady mampandeha ty rano ie.¹⁹ Nambarany tamy Jakoba ty safeny, ty liliny noho ty lala-mariny amy ty Israely.²⁰ Tsy mba nanao manahaky zay tamy ty firenena hafa ie, sady amy ty liliny, le tsy haindrozy rey zay. Manompoa an'i Yaveh.

Chapter 148

¹Manompoa an'Yaveh. Manompoa an'Yaveh, nareo an-danitsy any; manompoa Azy, nareo anabo any. ²Manompoa azy ry anjely iaby; manompoa Azy, ry miaramila iaby. ³Manompoa Azy, ry mahasoandro noho ty volana; manompoa Azy, ry kintana mipiriaky iaby. ⁴Manompoa azy, ry anabo mare amy ty lanitsy sady nareo rano ze ambany ty habakabaky. ⁵Tokony hanompo ty anara yaveh iaby nareo, fa Ie ro anome ty lily, le namboary ndrozy. ⁶Nampitoetsy androzy zisiky amparany Ie; Nameany lily rey le tsy hivalitsy sasy. ⁷Manompoa Azy an-tany atoy, nareo dragona noho ty laliky ty riaky bevata iaby, ⁸ty afo noho ty havandra, ty ora ty nintsy noho ty zavona, tytsioky mare manatanteraky ty safany. ⁹Manompoa Azy, ry vohitsy noho ty vohitsy iaby, ty hazo iaby mamoa noho ty sedera iaby, ¹⁰ry biby ly noho ty nofolahy, azy raha managnay ze milaly sady azy voro mility rey. ¹¹Manompoa an'i Yaveh, ry mpanjaka ty tany noho ty firenena iaby, ry mpanjaka noho ze manapaky amy ty tany eo, ¹²ry pamaraky noho ty somondrara, ty antitsy noho ty tanora. ¹³Tokony hanompo ty anara Yaveh ndrozy fa ty anarany raiky avao ro hasondrotsy sady ty voninahitsiny hihitatsy amy ty tany noho ty lanitsy. ¹⁴Fa nanondrotsy ty tsifako ty olo ho fanompoa hoahy ty olo mahatoky Ie, le ty Israely, azy olo anilany. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 149

¹Manompoa an'Yaveh. Mihira fihira vaovao hoahy Yaveh; mihira fihira ho Tiazy amy ty fiangona ty olo matoky rey.²Engaho hifaly amy ty azy namboatsy androzy; engao hifaly amy ty mpanjakandrozy ty olo Ziona rey.

³Enganie ndrozy hanompo ty anarany amy tsinjaky; enganie ndrozy hihira fanompoa ho tiazy amy ty aponga tampaky noho ty harpa.⁴Fa Yaveh le mankasitraky ty olony; mankalaza ty mpanambany vata amy ty famonjea Ie.

⁵Engaho hifaly ty olo masy amy ty fandrese; engaho hihira fifalia am-kitrely ao ndrozy.⁶Ho amy ty vavandrozy anie ty fanompoa Andranahary sady ty mesobe roa lela ho an-tanany eo ⁷mba hahatanteraky valifaty amy ty firenena lako noho ty fihetsiky manasazy ty olo.⁸Hamehy ty mpanjakany amy ty rojo ndrozy sady ty manam-boninahitsy amy ty ravaky vy.⁹Hanatenteraky ty fitsara ze nosorata ndrozy. Zay le voninahitsy hoahy ty olony matoky iabby. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 15

¹Salamo nanovy Davida. Yaveh lahy, ia va ro afaky hiegny amy tabernakelinao ao? Ia va ro afaky hipetraky ambohitsinao masy? ²Le azy mandeha tsy misy tsiny, manao ze to, sady mivola ty to amy ty fony. ³Tsy manasarasara amy ty lelany ie, tsy manisy raty ty hafa ie, sady tsy manafabaraka ty namany ie. ⁴Ty olo tsy soa le ho tsy ampisia dikany imasony eo, fa hanome voninahitsy ze mavaka ahy Yaveh ie. Mifanta amy ty fahavoazany sady tsy hampipoly fampitamany rey ie. ⁵Lafa mampitrosa drala ie tsy mampitombo. Tsy mandramby kolikoly mba hijoroo vavolombelo hanohera ty tsy mana tsiny ie. Ie ze manao raha rey le tsy ho hetsiketseha mandrakizay.

Chapter 150

¹Manompoa an'Yaveh. Manompoa Andranahary amy ty fitoerany masy ao; manompoa Azy amy habakabaky mahery eny. ²Manompoa Azy amy ty asany mahery, manompoa azy amy ty habe ty asany mahatseriky.

³Manompoa Azy amy ty fitiofa anjomara; manompoa Azy amy ty lokanga noho harpa. ⁴Manompoa AZy amy ty aponga tampaky noho ty tsinjaky; manompoa AZy amy valiha noho ty sodina. ⁵Manompoa Azy amy kipantsona maneno; manompoa Azy amy feo mare ty kipantsona maneno. ⁶Engaho ze mana fofon'ay iaby hanompo an'Yaveh. Manompoa an'Yaveh.

Chapter 16

¹Salamo nosorata i Davida. Arovo zaho, lahy Yaveh, fa aminao ao ro ialofako. ²Hoasako tamy Yaveh: "Iha ro tompoko; tsy misy soa ananako mandilatsy Anao. ³Laha amy ty olo masy an-tany eto, le memdrika vonninahitsy ndrozy, ty fankasitraha iaby le ho amindrozy. ⁴Ho tovonny ty fijalia ze mila ndranahary hafa rey. Tsy handraraky fanday lio amy ndranaharindrozy rey zaho ndra hanondrotsy ty anarandrozy amy ty soniko. ⁵Nnao lahy Yaveh, Iha ro anjara notinginiko nohho kapoakiko. Iha ro mitanjaky ty anjarako. ⁶Amy ty tany mahafinaritsy rey ro misy misy nosorita ho tiahy; ty ahy vatany ro lova soa. ⁷Hisaotsy an'Yaveh, ze mampitoro hevitsy ahy zaho; eka fa ndra amy ty haly aza le hampianatsy ahy ty saiko. ⁸Hanoviko alohako saky sanandro Yaveh, mba tsy hietsiketsiky an-tana ankavanany zaho! ⁹Lafa zay le faly ty foko; falifaly ty saiko. Vatany hiay ampilamina zaho. ¹⁰Safe tsy hnanenga ty fanahiko ho amy ty fiaina tsy hita Iha. Tsy hanenga ty atokisanao hahita ty lavaky Iha. ¹¹Nampianarinao ahy ty lala ty fiaina; hafalia bevata anatrehanao eo; hasoava ty mipettraky an-tana kavananao mandrakkizay!"

Chapter 17

¹Vavaky nanovy Davida. Mijanina ty fangatahako ty rariny, lahy Yaveh; janjino ty fangatahiko! Ahorirano amy ty fivavako amy ty sony tsy misy fitaky ty sofinao. ²Tokony ho avy anatrehanao ty fitsara ahy; tokony hanenty ty rariny ty masonao!³Laha mangalaky fanahy ty foko Iha, Laha avy amy haly Iha ro avy amiko, le halinonao zaho sady tsy hahita ty faniria raty; tsy hanota ty vavako.⁴ty amy asan'olo, le amy ty safa ty soninao ro nidariako ty vatako tany ty lala ty mpandika lalà. ⁵Ty liako le miory soa tany lalanao teo, sady ty tomboko tsy nibolisatsy. ⁶Mikaiky Anao zaho, le namaly ahy Iha, lahy Ndranahary; ahorirano amiko ty sofinao sady mijanina lafa mivola zaho. ⁷Ampanentao amy ty fomba mahatseriky ty tsy fivalihanao amy fahatokisanao, Iha mamonjy ze mialoky aminao amy alala ty tana-kavananao amy ty fahavalon-drozy!⁸Embeno manahaky ty masonao zaho; avonio ambany ty aloky ty elatsinao ⁹amy fanatreha ty raty fanahy ze manisy ahy zaho, le azy vahavaloko ze mihodidy ahy rey. ¹⁰Tsy mba mandefitsy ndra aminia ndra aminia ndrozy; ty vavandrozy le mivola fiavona.¹¹Mihodidy ty lalakko ndrozy. Mieritreritsy ty masondrozy mba handova ahy amy ty tany. ¹²Ndrozy le manahaky ty liona te hanaramo mare, manahaky ty liona tanora mietaky amy ty toera fivonia.¹³Mitsangana, lahy Yaveh! Tafiho ndrozy! Aravoho amy tany ty vatandrozy! Afaho tsy azo ty raty fanahy amy alala ty mesobenao ty aiko! ¹⁴Afaho amy ty olo amy alala ty tananao zaho, lahy Yaveh, amy olo ty tontolo zao ze amy ty fiaina toy avao ro ho anjarany! Hanome hanagna ty tsarotsy ty teanao Iha; hana tariha lako ndrozy sady hanenga ty hanagnany hoahy ty tarihany.¹⁵Fa zaho koa le hahita ty vatanao amy ty fahamarinanao; ho afa-po, amy fanentea anao zaho, lafa mifoha.

Chapter 18Ho ahy ty Mpihira. Salamo nanovy Davida, azy mpanompo Yaveh, lafa nihira ho ahy Yaveh ty tonon
hira toy tamy ty fotoa namonjea Yaveh azy tan-tana ty fahavalony iaby noho tan-tana iSaoly ie. Nihira hozaio ie:

¹Teako Iha, lahy Yaveh, heriko.²Yaveh ro lafiambatoko, fiavarova mareko, ze manday fiaroha ho tiahy; Ie ro Njanahariko; vatolampiko, mialoky Aminy ao zaho. Ie ro fiarovako, tsifa ty famonjeako, noho fiarova mare ho tiahy.³Hikaiky ahy Yaveh ze mendriky ho tompoa zaho, sady ho hovenjea amy ty fahavaloko rey zaho.⁴Namehy ahy ty taly ty fahafatesa, sady sady ty fitopa ty rano faharatia ro nandetiky ahy.⁵Namehy ahy ty taly ty fiaina- tsy hita rey; namandriky ahy ty fandriky ty fahafatesa.⁶Nikaiky ahy Yaveh zaho tanay ty fijaliako; Nila vonjy baka amy ty Njanahariko zaho. Reny ty feoko baka amy ty fiangonany tao; ty toreoko le avy tan-tsofiny zay⁷Sady nihozo noho nihozohozo ty tany; nihozohozo noho nangitikitiky avao koa ty foto tsy vohitsy rey safe meloky Njanahary.⁸Niakatsy ty setroky baka amy ty vavaorony, sady afo mibelaky ro niboaky ty vavany. Nirehitsy tamy zay ty bolon'afo.⁹Nivohany ty lanitsy sady nijotso ie, sady tambany ty tombony ty haiky matevy.¹⁰Niondra Kerobima Ie sady nitily; nisosa tany ty elatsy ty tsioky Ie.¹¹Nanoviny trano lay mihodidy azy ty haiky, raho mainty tan-danitsy rey.¹²Nilatsaky baka amy ty tselatsy talohany teo ty havandra noho ty bolon'afo.¹³Nikotriky tan-danitsy teny Yaveh! Nikaiky ty feo ty Anabo mare.¹⁴Nandefa ty kititsiny ie sady nampieloty ty vahavalony rey; tselatsy lako ro nampieloty androzy.¹⁵Bakeo le niboaky fantson-drano reo; fanambania zao tontolo zao reo le niboakky tamy ty koikim-pialiana, lahy Yaveh tamy ty fipoaky ty fofonay ty vavoronao.¹⁶Nanenja ty tanany baka anabo any Ie; nandramby ahy Ie! Nisinto ahy baka amy ty rano mitompa Ie.¹⁷Nanafaky ahy tamy ty vahavaloko matanjaky Ie, tamy ty ze nalay ahy, safe mafy mare ho tiahy ndrozy.¹⁸Avy nanaohitsy ahy ndrozy tamy ty fotoa fijaleako fa Yaveh ro niaro ahy!¹⁹Nanafaky ahy tamy ty toera malalaky Ie; namonjy ahy Ie safe te-Any zaho.²⁰Nanome valisoa ahy Yaveh noho ty ha-toko; manome hatonany ahy Ie safe malio ty tanako.²¹Fa zaho fa nidary ty lily ty Yaveh sady tsy nivaliky raty fanahy tamy Njanahariko.²²Fa talohako teo ty liliny to iaby reo; laha ty amy ty liliny, le mbo tsy nivaliky tamy reo zaho.²³Zaho avao koa le tsy nana tsiny tanilany, sady nitandrina ty vatako tamy ty fahota zaho.²⁴Lafa zay le novelomy Yaveh ndraiky zaho tamy ty ha-toko, safe nalio ta imasony teo ty vatako.²⁵Ze mahatoky. le ampitoroa fahatokisa; ty ze tsy mana hakeo, le ampitoroanao tsy fanana hakeo.²⁶Ty olo ze malio, le ampitoroanao fahadiova; fa Iha le mahiran-tsay amy ze raty fanahy.²⁷Fa Iha manavotsy ty olo mijaly, sady manam-bany ze mirengirengy!²⁸Fa Iha mampirehitsy ty jiroko; manazava ty maikiko Yaveh Njanahariko.²⁹Fa amy ty alalanao ro ahaizako milomay anabo ty sankany; amy ty alala ty NNjanahariko ro ahaizako mandinga rindry.³⁰Lafa amy Njanahary: tonga lafatsy ty lalany. Ty safa Yaveh le malio! Fiarova ze mialoky iaby aminy ao Ie.³¹Fa ia ro Njanahary hafa -tsy Yaveh? Fa ia ty vatolampy hafa-tsy Yaveh?³²Njanahary ro mametraky hery amiko manahaky ty fehim-bania, ze mametraky ty olo tsy misy hakeo amy ty liliny.³³Anoviny fandeha malaky manahaky ty diera ty tomboko sady mametraky ahy amy ty toera anabo!³⁴Manazatsy ty tanako ho amy ty aly ie sady ty sandriko hoforety ty kititsy saba.³⁵Fa nameanao ahy ty fiarova ty famonjea. Fa niaro ahy ty tananao ankavana, sady ty fankasitrahanao le naha bevata ahy.³⁶Fa nanao fipetraha malaly ambaniko eo ho tiahy tomboko Iha mba tsy hampibolisatsy ty tomboko.³⁷Nagnia vahavaloko reo zaho sady nahatratsy androzy; tsy nimpoly zaho zisiky naharava androzy.³⁸Noravako ndrozy mba tsy hahazany miary; fa nilavo tambany ty tomboko ndrozy.³⁹Fa Iha nametraky hery tamiko manahaky ty fehim-bania ho amy ty aly; nanovinao ambaniko reo ze nitsanga hanohitsy ahy.⁴⁰Namaliky ty vozo ty fahavaloko reo ho tiahy Iha; noravako reo ze nalay ahy.⁴¹Nikaiky vonjy ndrozy, fe tsy nisy nanavotsy androzy; nikaiky an'Yaveh ndrozy. fe tsy novaliany.⁴²Nopotepotehiko maliniky manahaky ty lemboky aloha ty tsioky ndrozy; nariako manahaky ty fotaky an-dala ndrozy.⁴³Nanavotsy ahy tamy ty famalia ty olo Iha. Nanovinao loha ty firenana reo zaho. Manompo ahy olo tsy haiko reo.⁴⁴Lafa vo nahare ahy ndrozy, le nanoriky ahy; tsy maintsy niondriky tanatrehako mpivahiny.⁴⁵Niavy amy ty fangitikitihy avy baka amy ty fiarova mafy-ndrozy ty mpivahiny.⁴⁶Velo Yaveh; ho tompo lahy lafiambatoko. Ho asondrotro lahy ty Njanahary ty famonjea.⁴⁷Ie azy Njanahary nikinia ho tiahy, ze nanolotsy ty firenanareo ho ambaniko.⁴⁸Afaky tamy ty vahavaloko reo zaho! Eka vatany, nampiakarinao anabo reo ze nitsanga nanohitsy ahy zaho! Nafahanao tamy ty lahilahy mahery loha reo zaho.⁴⁹Lafa zay le hanome fisaora ho ahinao, amy ty firenana reo zaho, lahy Yaveh; hihira fanompoa ho ahy ty anaranao zaho!⁵⁰Njanahary le nanome fandreseva bevata ho ahy ty mpanjakany, sady nampitoro ty fanenka ty fahatokia tamy azy nosorany, tamy Davida noho ty tarikiny bakanibakany.

Chapter 19

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Ty lanitsy manambara ty voninahitsy Ndranahary sady ty habakabaky mampahafantatsy ty asa- tanany! ²Saky sanandro le avy avao ty safany; saky haly le manambara ty fahalala zay. ³Tsy misy resaky ndra safa nivolany; tsy re ty feondrozy. ⁴Fa niboaky re ty tany iaby ty safandrozy, sady tam-parany tany ty resandrozy. fa namboatsy lay ho tiahy mahasoandro tamindrozy teo Ie. ⁵Ty mahasoandro le manahaky ty mpampiakatsy mmiboaky baka amy ty efitsy ty tranony sady manahaky ty lahilahy mahery ze mifaly iaby manao ty filainy. ⁶Miposaky baka amy ty faraty ty lanitsy raiky ty masoandro sady mifalofalo mbamy habakabaky ho amy raiky hafa; tsy misy raha afaky milay ty hafanany. ⁷Tonga lafatsy ty lala Yaveh, manamary ty fanahy; azo; antoky ty safa ty vavolombelo Yaveh, maha hendry ty tsy manahy. ⁸Mahity ty fampianara Yaveh, mampifalifaly ty fo; malio ty didy Yaveh, manday fahazava hoahy ty maso. ⁹Malio ty fahatahora ahy Yaveh, maharitsy mandrakizay; to sady mahity iaby ty didy Yaveh! ¹⁰Sarotsy mandilatsy ty volamena zay, eka mandilatsy noho ty volamena le vatany soa aza; mamy mandilatsy ty tantely noho ty tantely mi te baka amy ty tohan-tantely zay. ¹¹Eka, amy alala zay ro hampitandrema ty mpanomponao; fa hisy fanomeza amy ty fanoriha zay. ¹²Ia ty afaky mahay ty fahadisoany iaby? Sasao amy ty fahadisoa mivony zaho. ¹³Tandremo ty mpanomponareo tsy ho azo ty ota sahisahy; ka enga hanapaky ahy rey. Le ho tonga lafatsy zaho, sady tsy hana tsiny amy tsy fagnoriha lala lako. ¹⁴Ho enkeny imasonao lahy ty safa ty vavako noho ty fihevera ty foko,lahy yaveh, vatolampiko noho mpanavitsiko.

Chapter 20

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Hanampy anao amy ty andro fijalianao lahy Yaveh; ty anaran-Dranahary Jakoba lahy ro hiaamby anao ²sady handefa fanampia baka amy fitoera masy mba hanohana anao baka Ziona ao.³Ho tiaronao ty fandainao iaby sady ho enkeninao ty soronao noroa. Sela ⁴Hanome anao ze tea ty fonao lahy Ie sady hanatanteraky ty faniriana iaby.⁵Le hifaly amy ty fandresenao zahay, sady amy anara ty Ndranaharinay, ro hampitsangananay faneva. Hanome ze fangatahinao iaby lahy Yaveh. ⁶Haiko henanizao fa hanavotsy ty olo nohosorany Yave; hamaly ay baka anilany masy amy ty hery ty tanany havana ze afaky manaovtsy azy Ie.⁷Ty ilany mangataky amy kalesy sady ty hafa amy soavaly, fa zahay nikaiky an'Yaveh Ndranaharinay. ⁸Ho andesinay mijotso ndrozy le hitonta, fa tsika le tsy hitonta sady hitsanja mahity!⁹Yaveh lahy, vonjeo ty mpanjaka; ampio zahay lafa mikaiky.

Chapter 21

¹Hoahy ty mpihira. salamo nanovy Davida. faly amy ty herinao ty mpanjaka, lahy Yaveh! Manao akory ty habe ty fifaliany amy ty famonjea nameanao! ²Nameanao azy ty faniria ty fony sady tsy nenkeninao ty fangataha ty soniny. Sela³Fa nanday fahasoa lako ho tiazy Iha; nanenga satro-bonninahitsy volamena malio mare tan-dohany teny Iha. ⁴Nangataky fiay taminao ie; le nameanao azy zay; nameanao andro lako zisiky amparany ie. ⁵Bevata manilatsy ty fandresenaoa ty voninahitsiny; fa nanome voninahitsy noho fahazava ho tiazy Iha. ⁶Fa nanome antoky fahasoa maharittsy ho tiazy Iha; mampifalifaly ay amy fifalia ty fanatrehanao Iha. ⁷Fa matoky ahy Yaveh mpanjaka; amy alala ty fanenkea atokisa ty Anabo Mare ro tsy hanana azy. ⁸Hanambotsy ty vahavalonao iaby ty tananao; hanambotsy ze malay anao rey ty tananao ankavana. ⁹Amy ty fotoa mahameloky anao, le handoro androzy anay ty lafaoro misy afo mirehitsy Iha. ¹⁰Handrava androzy amy ty helony Yaveh, sady handrava androzy ty afo. Hamotiky ty anan-drozy amy ty tany noho ty tarihan-drozy anivo ty olombelo eo Iha. ¹¹Fa mikinia hanisy raty anao ndrozy; manoma hevitsy raty ze tsy haharesendrozy ie! ¹²Fa hampitoliky androzy Iha; hamoaky ty kititsinao alohan-drozy eo iha. ¹³Misondrota, lahy Yaveh, amy ty herinao; hhihira noho hanompo ty herinao zahay.

Chapter 22

¹Ho anhy ty mpihira; nanovy tamy ty mozika i Diera." Salamo nanovy Davida. Ndranahariko o, Ndranahariko o, nanino ro nenganao zaho? Nanino ro lavitsy mare amy ty famonjea ahy Iha sady lavitsy amy ty safa ty faharariako? ²Ndranahary o, nitaray taminao zaho tamy midi, fe tsy novaliana, lafa haly le tsy nieny zaho!³fe masy iha; mipetraky manahaky ty mpanjaka amy ty fanompoa ahy Israely Iha. ⁴Natoky anao razanay rey; natoky Anao ndrozy, le novonjena. ⁵Nitaray taminao ndrozy le novonjea. Natoky Anao ndrozy le tsy diso fanantena. ⁶Fe soko zaho fa tsy olo, fanalabaraka hoahy ty olombelo sady tsy nampisia ty oo dikany zaho. ⁷Azy mahita ahy rey iaby le manjiva ahy; latsalatsandrozy zaho; sady manda ty lohany amiko ndrozy. ⁸Hozao ty asandrozy: "Matoky an'Yaveh ie; engaho hanavotsy azy Yaveh. Engaho Ie hanavotsy azy, fa ankasitrahany ie." ⁹Fa iha ro nanday ahy baka antroky; nanovinao matoky Anao zaho tamy zaho mbo tantratra ty reniko. ¹⁰Natoraky aminao baka antroky any zaho; Iha ro Ndranahariko liany zaho mbo tan-troky ty reniko! ¹¹Ka manalavitsy ahy, fa mariniky ty fijalia; tsy misy olo hanampy ahy. ¹²Mihodidy ahy ty aombilahy lako, mihodidy ahy ty aomby lahy masiaky ahy basana. ¹³Nampisanasana ty vavany amiko manahaky ty liona miero mihina tyazony rey. ¹⁴Nararaky manahaky ty rano zaho, sady nipolasitsy ty taolako iaby. Manahaky ty savoka ty foko; miempo anaiko ao zay. ¹⁵Maiky manahaky ty valany tany ty heriko; mipitiky amy lanilaniko ty lelako. Nampatory ahy tamy ty lemboky ty fahafatesa Iha. ¹⁶Fa nihodidy ahy ty alika; fa mihodidy ahy ty vondro ty mpanao raty; noloahindrozy ty tanako noho ty tomboko. ¹⁷Voaisako iaby ty taolako. Nanenty noho naneritsy ahy ndrozy. ¹⁸nozarandrozy taminy teo ty sikiko; nanaovandrozy loka ty sikiko. ¹⁹Ka manalavitsy ahy, lahy Yaveh; malaky afaho zaho, lahy heriko! ²⁰Afaho amy ty mesobe ty fanahiko, ty mba ho fiaino amy ty hamaroa ty alika ly. ²¹Vonjeo amy ty vava ty lipna zahi; afaho amy ty tsifa ty alika ly zaho ²²Hanambara ty anaranao amy ty rahalahiko zaho; anivo ty fiangona eo ty hanompoako Anao. ²³Nareo ze mavaka an'Yaveh, manompoa Azy! Nareo iaby tariha i Jakoba, manomeza voninahitsy Azy! Mitsangana amy katsereha Aminy, nareo iaby tariha Israely. ²⁴Fa tsy nampisy dikany ndra nalay ty fiajia ty olo mijaly Ie; tsy namony ty vatany tamy Yaveh; lafa nitoreo taminy azy olo mijaly iny, le nahare Ie. ²⁵Ty fanompoako le noho Iha ampiangona bevata; hanatanteraky ty voadikoaloha ty ze mavaka Azy zaho. ²⁶Ty mijaly le homa le ho afa-po; azy mila ahy Yaveh rey le hanompo Azy. Ho velo mandrakizay lahy ty fonareo. ²⁷Hahatiaro sady himpoly amy Yaveh azy olo amy ty tany iaby; handohaliky anatrehanao eo rey ty longo ty firena iaby. ²⁸Fa ahy Yaveh ty fanjaka; ie ro mpanapaky ty firenena. ²⁹Ty olo mpnanarivo le ho falifaly noho hanompo; handohaliky anatrehanao ze hanjary lemboky iaby rey, azy tsy afaky miaro ty aindrozy. ³⁰Ty tariha ho avy le hanompo Azy, hivola amy ty tariha hanoriky ty amy ty Tompo ndrozy. ³¹Ho avy ndrozy sady hivola ty hatony; hivola amy ty olo mbo tsy teraky ze fa nanoviny ndrozy!

Chapter 23

¹Salamo nanovy i Davida. Yaveh ro mpiambby ahy; tsy hana raha hampijaly zaho. ²Nampiroro ahy tamy akata maintso Ie; mitao ahy amoro ty rano fialan-tsasatsy Ie. ³Nampipoly ty aiko Ie; mitaoahy amy lala to noho amy ty anarany Ie. ⁴Ndra mandeha manapatapaky ty baibo aloky ty fahafatesa aza zaho, le tsy havaka ty loza zaho fa arovanao zaho; ty kobainao ro manaky ty havakako. ⁵Manoma latabo alohako eo anatreha ty vahavaloko Iha; fa nanositsy soliky ty lohako Iha; ty kapoakiko le mandilatsy. ⁶Fahasoava noho fanenkea mahatoky vatany ro hanoriky ahy amy ty fahavelomako iabby; sady hipetraky an-trano Yaveh zisiky fotoa ela zaho!

Chapter 24

¹Salamo nanovy Davida. Ahy Yaveh ty tany, noho ze kila raha aminy, raha iaby zao, noho ze kila raha mipetraky ao. ²Fa nihitany tanabo ty riaky zay sady namboariny tany rano be. ³Ia ro hanganiky amy ty vohitsy yaveh? Ia ro hitsanga amy ty toerany? ⁴Ie ze mana tana malio noho fo malio; ze tsy manondrotsy vandy, sady tsy nifanta fifanta mba hamerivera. ⁵Handramby fitahia baka amy Yaveh ie sady fahamarina baka amy Ndranahary ty famonjea azy. ⁶Manahaky zay ty tariha ze mila Azy, azy mila ty tarehin-Ndranahary i Jakoba. Sela ⁷Akaro ty lohanareo, nareo lahy vavahady; misondrota, lahy varavara mandrakizay, mba hilira ty mpanjaka ty voninahitsy! ⁸Ia ro mpanjaka ty voninahitsy? Yaveh, matanjaky noho mahery; Yaveh, mahery amy ty aly. ⁹Akaro ty lohanareo, nareo lahy vavahady misondrota, lahy vavahady mandrakizay, mba hilira ty mpanjaka ty voninahitsy! ¹⁰Ia ty mpanjaka ty voninahitsy? Yave Tompoa ty lako, Ie ro mpanjaka ty voninahitsy. Sela

Chapter 25

¹Salamo nanovy Davida. Ho ahinao, lahy Yaveh, ro anondrotako ty aiko! ²Ndranahariko o, matoky Anao zaho. Ka enga ho menatsy zaho; ka enga hifaly amy fandreseha amiko fahavaloko rey. ³Tsy hisy ho latsa-baraky lahy ty olo ze manatena Anao, ho menatsy rey ze mamitaky tsy amy tsisy dikany! ⁴Ampahalalao ahy ty lalanao, lahy Yaveh; ampianaro ahy ty lalanao. ⁵Tariho ho amy ty fahamarinanao zaho sadyampianaro, fa iha ro Ndranahary ty famonjea ahy; manantena Anao zisiky ty andro zaho. ⁶Tiarovo, lahy Yaveh, asa mampalahelo noho ty fanekeanao mahatoky; Fa nisy zisiky amparany rey. ⁷Ka mihevitsy ty fahota ty fahatanorako ndra ty fikomiako; Tiarovo amy fanenkea mahatoky noho ty fahasoavanao zaho, lahy yaveh! ⁸Soa noho mahity Yaveh; le mampianatsy mpanota rey ty lala ie. ⁹Mitariky ty manambany vata amy ty to ie sady mampianatsy androzy ty lalany. ¹⁰Ty lala Yaveh iaby le fitiava maharitsy noho fahatokia hoahy ty ze midary ty fanekeany noho ty didiny mare rey. ¹¹Fa amy ty anarao, lahy yaveh, le engaho ty heloko, fa bevata zay. ¹²Ia ty olo matahotsy ahy Yaveh? Ty tompo ro hanoro azy ty lala ze tokony ho tingininy. ¹³Ty fiainany le ho amy ty fahsoava; sady ty tarihanay handova ty tany. ¹⁴Ty finama an'Yaveh le hoahy ze manome voninahitsy Azy, sady mampahay ty fanekeany amindrozy Ie. ¹⁵Amy aveh zisiky amparany ty masoko, le hanafaky ty tomboko amy ty harato Ie. ¹⁶Mitoliha amiko sady ferineso zaho; fa zaho raiky avao mijaly. ¹⁷Mihitatsy ty fijalia ty fokoa; alao amy ty fahoriako zaho! ¹⁸Hentao fijaliako noho ty heripoko; engaho iaby ty fahadisoako. ¹⁹Hentao fahavaloko rey, fa lako ndrozy; malay ahy amy fanaboka loza mare ndrozy. ²⁰Embeno ty fiaiko le avoto zaho; ka enga homenatsy zaho, fa mialoky Aminao! ²¹Hiaro ahy lahy ty tsy fifaliha noho ty fahitia, fa manantena Anao zaho. ²²Avoto amy fijaliany iaby ty Israely, Ndranariko o!

Chapter 26

¹Salamo nanovy Davida. Tsarao zaho, lahy Yaveh, fa nandeha tamy ty fahitia zaho; natoky ahy Yaveh tamy tsy nisalasala zaho. ²Eritrereto zaho, lahy Yaveh, sady alao fanahy zaho; henteo ty fahadiova anaio ato noho ty foko! ³Fa ty fanekeanao matoky ro aloha ty masoko, sady mandeha amy ty fahatokiana zaho. ⁴Tsy miharo amy ty olo mpamitaky zaho, ndra miharoharo amy olo tsy to. ⁵Hejiko ty fiangona ty olo mpanao raty, sady tsy miharo petraky amy olo raty fanahy zaho. ⁶Manasa ty tanako amy ty fanana hakeo zaho, sady mandeha mihodidy amy ty alitara anao, lahy Yaveh, ⁷mba hihira fanompoa mare noho hanambara ty asanao mahatseriky iaby. ⁸Yaveh lahy, teako ty trano ze hipetrahanao, ty toera ze hipetraha ty voninahitsinao! ⁹Ka mandrava ahy miharo amy ty mpanota rey, ndra ty fiaiko miharo amy ty tea lio, ¹⁰an-tana ty ze mikinia hanao raha raty rey, sady amy ze atsiky kolikoly ty tananay ankavana. ¹¹fa zaho avao, handeha amy ty haty; afaho zaho sady ferineso zaho. ¹²Mitsanga amy ty tany mary tombonao rey; amy fiangona eo ro hanompoako an'Yaveh!

Chapter 27

¹Salamo nanovy Davida. Yaveh ro fahazavako noho famonjeko; Ie ro fahavakako? yaveh ro fialofa ty fiaiko; ie ro tokony havakako?²Laha mananto hamotiky tynofitsiko mpanao raty rey, azy mpandrafy ahy rey noho ty fahavaloko le toitsy le tonta. ³Ndra misy miaramila mivory hanohitsy ahy aza, le tsy havaka ty foko, ndra misy aly manohitsy ahy, ndra amy zay aza le mbo hijano mahatoky avao zaho. ⁴Raha raiky ro nangatahako tany Yaveh, le hila zay zaho: mba hahaizako mipetraky an-trano Yaveh maharitsy andro iaby ivelomako, mba hahhita ty hahasoa Yaveh noho hieritseritsy amy ty fiangonany ao. ⁵Fa amy ty andro fijaliako le hamony ahy amy ty fialofany eo Ie; amy lomboky ty lainy ro hamoniany ahy. ampiakariny amy lafiam-bato eo zaho! ⁶Le hisondrotsy amabo amy ty vahavaloko mihididy ahy iaby rey eo ty lohako, hanesy fanandesa fisorona anay ty lainy ao zaho! Hihira noho hanao hira hoahy Yaveh zaho! ⁷Yaveh lahy, janjino ty feoko, lafa miakaiky mare zaho! Ferineso zaho, sady valio zaho! ⁸Mivola mikasiky anao ty foko manao hozao; "Ilao ty vatany!" Mila ty vatanao zaho, lahy Yaveh! ⁹Ka avohy ahy ty vatanao; ka avio ho meloky ty mpanomponao! Iha ro fa nanampy ahy; ka mahafofy na manenga ahy, lahy Ndranahary ty famonjeako! ¹⁰Fa ndra mahafoa ahy aza ty babako noho ty reniko, Yaveh ro handramby ahy. ¹¹Ampianaro ahy ty lalanao, lahy Yaveh! Tariho amy lala to zaho noho vahavalokko rey. ¹²Ka manary ahy amy ty faniria ty vahavaloko rey, fa ty vavolombelo sandoky mitsanga hanohitsy ahy, sady miay lehiloha ndrozy! ¹³Ino va ro nahazo ahy laha tsy nino zaho fe zaho le hahita ty hasoa Yaveh amy ty tany ze ipetrahany? ¹⁴Mandinasa an'Yaveh; sady mahereza, engaho hahery ty fonao! Mandinasa an'Yaveh!

Chapter 28

¹Salamo nanovy Davida. Hikoraky mare ho ahinao zaho , lahy Yaveh; lafiambatoko, ka bokana zaho. Laha tsy mamaly ahy iha, le hanoriky ty ze mijotso an-dolo any zaho. ²Janjino ty feo ty fitoreoko lafa mila fanampia baka amminao zaho, laha manampatsy ty tanako miatriky ty fitoeranao masy mare zaho!³Ka misinto ahy hiala miaraky amy raty fanahy, ze manao hadisoa, ze miton fiadana amy namandrozy fe mana faharatia am-pondrozy rey ao. ⁴Ameo androzy ty sahaza ty asandrozy sady valio ze takia ty faharatiam-panahany, valio ndrozy ty amy asa ty tanandrozy, valio ze sahaza androzy. ⁵Safe tsy takatsiny ty asa Yaveh ndra ty asa ty tanany, hannimba androzy ie sady tsy hampitsanga androzy sasy.⁶Tompoa lahy Yaveh safe fa nahare ty feo ty toreoko Ie! ⁷Yaveh ro heriko noho fiarovako; Ty foko matoky Azy, le ampio zaho. Lafa zay le vatany falifaly ty foko, sady zaho hanompo azy amy ty fihira. ⁸Yaveh ro hery ty olony, sady Ie ro famonjea azy nohosorany raiky.⁹Vonjeo olonao rey sady tahio lovanao. Manenkea ho mpiamby aondriny sady andeso mandrakizay ndrozy.

Chapter 29

¹Salamo nanovy Davida. Omeo fanompoa hoahy Yaveh, nareo lahy anaky Ndranahary! Manomeza fidera hoahy Yaveh noho ty voninahitsiny noho ty heriny. ²Ameo ahy Yaveh ty voninahitsy ze mendriky ty anarany. Mandoliha amy Yaveh amy ty fipiriha ty fahamasinany. ³Ty feo an' Yaveh le re zisiky anabo ty rano eny; Azy Ndranahary ty voninahitsy ty hotroky, sady yaveh mihotsiky anabo ty rano lako. ⁴Mahery ty feo Yaveh; ty feo Yaveh le voninahitsy lako. ⁵Ty feo Yaveh le mamaky sedera rey; sady potepoteha Yaveh sedera a Libanona rey. ⁶Mampitsambokomboko ahy Libanona manahaky ty anak'aomby sady Siriona manahaky ty vatotsiaomby ie. ⁷Ty feo ahy Yaveh le mamaky lelafo. ⁸Ty feo Yaveh le mampihozohozo ty tany efitsy; Yaveh mampihozohozo ty efits'i Kadesy. ⁹Ty feo yaveh le mahavy ty hazo terebinta hihetsiky sady mamofy ty hoditsy ty ala. Ty olo iaby ampiangonany mivola manao hozao: " Voninahitsy!" ¹⁰Yaveh le mipetraky manahaky ty mpanjaka amy ty fibeaza ty rano eo; Yaveh mipetraky manahaky ty mpanjaka mandrakizay. ¹¹Manome hery ty olony Yaveh; Le tahia Yaveh ampiadana ty olony.

Chapter 30

¹Salamo; hira amy ty fanolora ty vata ho amy fiangona. Salamo nanovy Davida. Nandrotsy Anao zaho, lahy Yavh, fa nampitsanga ahy Iha sady tsy nanenga ty fahavaloko rey hifalifaly amiko eo. Yaveh Ndranahariko lahy, nikaiky ty ²famonjeanao zaho, le nahajanga ahy Iha. ³Yaveh lahy, nanday ty fanahiko niatsiky baka amy fiaina tsy hita iha; sady hiaro ahy ho velo tsy hijotso an-dolo any.⁴Mihira fanompoa hoahy Yaveh, nareo lahy olony mahatoky! Manomeza fisaora laha mahatiaro ty fahasinany nareo. ⁵Fa ty helokiny le tselatsela avao; fa ty fankahasitrahany le zisiky ty fahavelomany. Lafa avy ty tany haly, fa ty fifavlia lafa avy ty maray.⁶Amy fahatokisa ro hivolanako manao hozao: ' Tsy hangitikitiky manadrakizay zaho.' ⁷Yaveh lahy, noho ty fankasitraha le nanao ahy manahaky ty vohitsy matanjaky Iha ; le nijaly zaho. ⁸Nikaiky anao zaho, lahy Yaveh, sady nila sitraky baka amy ty Tompoko! ⁹Ino va ro tombony amy ty fahafatesako, laha handeha hijotso an-dolo any zaho? Hanompo anao va ty lemboky? Hanambara ty fahasoavam-pitokisanao va zay? ¹⁰Mijanjina, lahy Yaveh, sady ferineso zaho! lahy Yaveh, meteza hanampy ahy.¹¹Mamaliky ty fisaonako ho fitsinjaha ; nanapotaky ty siky fisaonao Iha sady nampisiky ahy tamy ty fifalia. ¹²Le henany io ty voninahitsiko le hihira voninahitsy ho ahinao le hihira fanompoa hoa Ahinao sady tsy hieny ; lahy yaveh Ndranahariko, hanome fisaora anao mandrakizay zaho!

Chapter 31

¹Ho ahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida. Aminao, lahy Yaveh, ro hialofako; Ka enga ho latsa-baraka zaho. Afaho amy ty fahamarina anao zaho. ²Mijanina ahy; Malaky havotsy ahy; meteza ho lafiambato fialofako, fiarova mare hamonjy ahy. ³Fa lafiambato noho fiarova mare ho tiahy Iha; le amy ty anaranao, tariho noho tantano zaho. ⁴Tariho hiala amy ty harato ze navonindrozy ho tiahy zaho, fa iha ro fialofako. ⁵an-tananao eo ro anakinako ty fanahiko; hanavotsy ahy Iha, lahy Yaveh, Ndranahary ty famendream-pitokisa. ⁶Halako azy ze manompo sampy raha fahatany, fa zaho hatoky an'Yaveh. ⁷Hifaly amy fanekeako matoky aho, fa Iha nahita ty fijaliako; haiko ty fijalia ty fanahiko. ⁸Tsy nomeanao ho antana ty fahavaloko zaho. Nametraky ty tomboko ho amy tany malalaky Iha. ⁹Ferineso zaho; miha vozaky ty alahelo ty masoko miarakany amy ty fanahiko noho ty vatako. ¹⁰Fa vozaky ty alahelo ty fiaiko sady ty tanako noho ty fisentoa. Lefy ty heriko noho ty fahotako, sady mihalany taolako rey. ¹¹Noho ty fahavaloko iaby, ty olo tsy mampisy dikany ahy; ty mpiharo petraky amiko rey mangaroharo amy ty mahazo ahy; sady ze mahay ahy le mangaroharo. Azy mahita ahy iaby an-dala any rey milay ahy. ¹²Halino manahaky ty olo maty ze tsy misy mieritseritsy zaho. Manahaky ty valany vaky zaho. ¹³Fa reko ty bitsibitsiky ty lako, azy vaovao mampavaka baka amy kila raha iaby safe ndrozy miharo levitsy hanohitsy ahy. Mihevitsy ty hangalaky ty fiaiko ndrozy. ¹⁴Fa matoky Anao zaho, lahy Yaveh; hozao tiasako: "Ndranahariko Iha." ¹⁵Ty anjarakko le an-tananao eo. Afaho amy ty tana ty fahavaloko noho amy ze magnia ahy zaho. ¹⁶Ampipiriahao amy ty mpanomponao ty vatanao; afaho amy ty fanenkeanao matoky zaho. ¹⁷Ka enga ho menatsy zaho, lahy Yaveh; fa zaho mikaiky Anao! Homenatsy lahy ze raty fanahy! Hintsy amy ty fiaina tsy hita lahy ndrozy. ¹⁸Engaho sony mpavandy hintsy ze miresaky hanohitsy ty fahamarina amy ty fahitia mmiaraky amy ty fiavona noho ty fanaboka. ¹⁹Ho ty hasoanao ze nihajarianao ho tiahy ze nanaja anao, ze tanterahanao amy ze mialky aminao miatriky ty anak'olombelo iaby! ²⁰Amy ty fialofa ty hevitsy raty ty olo. Mamony azy amy ty fialofa amy ty heriloha ty lela Iha. ²¹Ho tompoa lahy Yaveh, fa nahare ty fanenkea ty mahatoky mahatseriky Ie laha tanay ty tana nivalavala zaho. ²²Ndra nivola tany ty fahatairako aza zaho manao hozao: "Nala tsy ho anila ty masonao zaho," eka fe mbo mahare ty toreoko famonjea Iha laha nikaiky Anao zaho. ²³Teavo Yaveh, nareo mpanoriky atokisa. Yaveh miaro noho mitahy, fa le vatany mamaly ty miavonavo. ²⁴Mahereza noho matanjaha, nareo ze matoky ahy Yaveh amy ty famonjea.

Chapter 32

¹Salamo nanovy Davida. Maskila. Sambatsy ty olo ze nenga ty fahadisoany, noho ze nolongofa ty fahotany.

²Sambatsy ty lo ze tsy nanao hadisoa tamy Yaveh teo noho ze tsy misy verivery ty fanahiny.³Lafa nintsy zaho, le nihanarary ty taolako, lafa nitoreo zisiky andro raiky zaho. ⁴Navesatsy tamiko haly tontolo ty tananao. Nalazo manahaky ty lohantao maiky ty heriko. Sela⁵Le nampahaizako Anao ty fahotako, sady tsy navoniko sasy ty heloko. Hozao tiasako: "Hanambara ty fahadisoako amy Yaveh zaho," le nenganao ty heloky ty fahotako. Fijanona noho fanompoa. ⁶Lafa zay, ze kila raha araky Ndranahary le tokony hivavaky Aminao amy ty fotoa ty fijalia lmare. Sady lafa mitopa mare ty rano, le tsy hahazo olo rey zay.⁷Iha ro toera fivoniako; hiamby ahy amy fijalia Iha. Hiram-pandreseanao ro mihodidy ahy. Fijanona noho fanompoa. ⁸Hampitoro lala anao noho hampianatsy anao amy amy ze lala tokony handinao Zaho. Hampitoro lala anao Zaho sady hitalaky anao ty masoko.⁹Ka manahaky ty sovaly ndra ty apondra, ze tsy mana vahazavan-tsay; fa amy ty lamboridy noho ty kapoaky avao ro anasazia androzy handeha mbamy ze teany hanadesa androzy. ¹⁰Mana probolemo lako ty raty fanahy, fa ty fanenkea matoky ahy Yaveh avao ro mihodidy ze olo matohy Azy.¹¹Mifalia amy Yaveh sady mifalia nareo to lahy; mananova feo fifalia nareo iaby ze mahity am-po.

Chapter 33

¹Mifalea amy Yaveh, lahy nareo to, ty fanompoa le hoahy ty mahity. ²Manomeza fisaora hoahy Yaveh amy ty harpa; mihira fanompoa ho Tiazy amy ty harpa nilisany folo. ³Mihira fihira vaovao ho tiazy; mititiha soa sady mihira ampifalia. ⁴Fa mahity ty safy Yaveh, sady ty kila raha anoviny le to. ⁵Tea rariny noho haty ie. Heniky ty fanenkea mahatoky ahy Yaveh ty tany. ⁶Tamy safy yaveh ro namorona ty lanitsy, sady ty kinta iaby le nanovy tany ty fofonay ty vavany. ⁷mamory ty rano ty riaky iaby manahaky ty bolokon-draha Ie; anoviny amy ty fanajaria rano ty riaky. ⁸Tokony havaka ahy yaveh iaby ty tany, tokony ho tseriky Aminy ty mpipetraky amy ty tany iaby. ⁹Fa nivola Ie, le tanteraky zay; nandidy Ie, le nisy tany ty toerany zay. ¹⁰Mandrava ty fifanaraha firenena rey yaveh, manapaky amy ty faniria ty olo Ie. Maharitsy mandrakizay ty fikasa Yaveh. ¹¹Ty faniria ty fony le hoahy ty tariha iaby. ¹²Sambatsy ty firenena ze mana ahy an'Yaveh ho Ndranahariny, le ty olony ze nitingininy ho mpandovany. ¹³Manenty baka amy lanitsy eny Yaveh; mahita ty olo iaby Ie. ¹⁴Baka amy ty fitoera ze ipetrahany ro ijolovany ty kila raha miay anabo ty tany. ¹⁵Ie ro namboatsy ty fondrozy iaby ro mandiniky ty fondrozy iaby. ¹⁶Tsy misy mpanjaka voavonjy ty miaramila lako, sady ty lahilahy mpialy le tsy voavonjy ty habe ty heriny. ¹⁷Ty sovaly le fiarova mamitaky hoahy ty fandrese; ndra eo aza ty tanjakany bevata, letsy afaky mamonnjy ie. ¹⁸Ingo, ty maso Yaveh le amy ze mavaka Azy eo; amy ze manatena ty famalozam-pony matoky ¹⁹mba hangalaky ty aindrozy amy ty fahafatesa, sady mba hamelo androzy amy ty fotoa ty mosary. ²⁰Miamby an'Yaveh tsika, ie ro famonjea noho fialofantsika. ²¹Mifaly amy ty fontsika, safe matoky ty anarany masy tsika. ²²TY famalozam-ponanao matoky lahy Yveh, hiaro anay araky ty fanenganay fanantenany Aminao.

Chapter 34

¹Salamo nanovy Davida; lafa misary gegy taloha i Abimeleka ie, ze nandroaky azy. Hanompo an'Yaveh amy fotoa iaby zaho, ho ambavako mandrakizay ty fanompoa Azy.²Hanompo an'Yaveh zaho! Tokony hahare ty mijaly le hifaly.³Miaraha manompoa an'Yaveh amiko. Tokony hanondrotsy ty anarany tsika.⁴Nila an'Yaveh zaho le namaly ahy Ie, sady nanome fandreseahy tany ty tahotsy iaby Ie.⁵Azy manenty Azy rey le mipiriaky, sady tsy mmisy henatsy ty endrikindrozy.⁶Olo mijaly toy le nitany le nahare azy yaveh le nanavotsy azy tany ty fijaliany iaby.⁷Miperaky amy ze mavaka Azy sady mamonjy androzy ty anjely yaveh.⁸Anoharo sady henteo fa soa Yaveh. Sambatsy ty olo ze mialoky aminy eo.⁹Mavaka an'Yaveh, naareo olo masy. Tsy hana raha hampijaly ze mavaka Azy.¹⁰Kindrakindraiky le tsy ampy hany ty liona tanora le mijaly ty mosary, fa azy mila Yaveh rey avao le tsy hijaly amy ty raha soa. Avia, anaky, mijanjina ahy.¹¹Hampianatsy anareo ty fahatahora an'Yaveh zaho.¹²Olo ia ro maniry fiaina ke le ta andro lako, le hahita ty soa ie?¹³Le embeno amy ty raty ty lelanao sady embeno amy ty fivolana vandy ty soninao.¹⁴Miala ty raty sady manaova ty soa. Mila fiadana le oriho zay.¹⁵Ty maso Yaveh le amy ty to sady ty sofiny mijanjy ty tanindrozy.¹⁶Ty vata Yaveh le manohitsy ze manao raty rey, mba hangala ty fahatiarova androzy an-tany eto.¹⁷Mitoreo ty to le mahare Yaveh le mamonjy androzy amy ty fijalia iaby.¹⁸Anila ty fo torotoro Yaveh, sady mamonjy ze mijaly fanahy Ie.¹⁹Lako ty probolemo ty to, fe manafaky androzy amy kila raha iaby zay Yaveh.²⁰Mitanjaky ty taolany iaby Ie, tsy hisy tapaky ndra raiky amy rey aza.²¹Hamono ty raty fanahy ty loza. Ho sazia ze manaboka ty to rey.²²Mamonjy ty ay ty mpanompony Yaveh. Tsy misy ho sazia ze mialoky aminy ao rey.

Chapter 35

¹Salamo nanovy i Davida. Yaveh, miasà amy ze miasa hanohitsy ahy rey; mialia amy ze miasa mialy amiko rey.² Rambeso ty fiaro kelikely noho fiaro bevatanao; mitsangana le ampio zaho.³ Ampiasao amy ze mpihaza ahy rey ty lefo noho ty fanaky fijalianao rey; ambarao amy ty fanahiko hozao: "Zaho ro famonjeanao." ⁴Enganie ho menatsy noho latsa-baraka ze mila ty aiko rey. Engaho hihemotsy noho tsobo hevitsy ze tahananisy raty ahy rey.⁵ Engaho hanahaky ty lila anay ty tsioky eo ndrozy, laha manday androzy ty anjely i aveh. ⁶Engaho haiky noho madoso ty lalan-drozy, lafa minian-drozy ty anjely i Yaveh. ⁷Mampipetsaky harato ho anahy tsy my ty dikany ndrozy, mihaly lavaky ho ty ahy ty aiko tsy amy ty dikany ndrozy. ⁸Engaho hamango tampokan-drozy ty fandravà. Engaho ty harato ze napetsan-drozy mba hanambotsy androzy avao. Engaho ndrozy holavo amy zay ao, le amy ty maharava azy ao.⁹ Hondy hofaly amy i Yaveh zaho, sady hifaly amy ty famonjeany. ¹⁰Ty taolako iaby hivola hozao: "Yaveh, is to manahaky Anao, ze mamonjy ty malahelo amy ze mahery maré ho androzy rey noho ty malahelo sady ty mijaly amy ze mila handrava androzy rey?" ¹¹Mitsangana ty vavolombelo tsy marina; mahazo vandy amiko ndrozy.¹² Mamaly raty ahy amy ty soa anoviko ndrozy. Malahelo zaho. ¹³Fe, lafa narary ndrozy, le nanao siky fisaona zaho; nifaly hany ho androzy tamy ty fanonjeha ty lohako tamy ty tsatsako zaho. ¹⁴Ty alaheloko androzy le manahaky ty alaheloko ty rahalahiko, nionjiky nanahaky ty misaona ty reniko zaho.¹⁵ Hondy laha meloky zaho, le nifaly androzy ka le niviro; niaraky nivory hanohitsy ahy ndrozy, sady taitsy noho ndrozy. Tsy nijano hamango ahy ndrozy. ¹⁶Tsy misy fifanaja sasy ro nikizahany ahy; nihily vava tamiko ndrozy.¹⁷ Tompo ô, ziziky ombia ro hanenteanao ahy? Vonjeo amy ty vatan-drozy ty fanahiko, sady ty aiko amy ty liona. ¹⁸ Ka le hisaotsy Anao amy ty fiangona bevata amy ty olo lako eo zaho.¹⁹ Enganie tsy hifaly amiko ty fahavaloko mpamitaky rey; engaho ndrozy tsy hahavita asa ratiny rey. ²⁰Fa tsy miresaky fiadana ndrozy, hony hivola vandy hanohitsy ze miay am-piadana amy ty taninay ao rey.²¹ Mamoha vava hivazavaza ahy ndrozy; Hoasa ndrozy hozao: "Aha, Aha, ty masonay ro fa nahita zay." ²²Fa nahita zay Iha, Yaveh, mba ka mijano; Tompo ô, mba ka lavitsy ahy. ²³Misonjota sady mifohaza hiaro ahy; Njanahary noho tompoko ô, tohano ty aliko.²⁴ Arovo zaho, Yaveh Njanahary ô, noho ty fahamarinanao ; engaho tsy hifaly amiko ndrozy. ²⁵Engaho ndrozy tsy hanao anakam-po ao hozao: "Aha, azonay ze nirinay." Engaho ndrozy tsy hanao hozao: "Fa naravanay ie." ²⁶ Enganie ho menatsy noho tsobo hevitsy ze tahananisy raty ahy rey. Engaho hisiky henatsy noho fahafaham-baraka ze mikizaky ahy rey. ²⁷Enganie hikoraky am-pifalea noho faly ze nikiry ty fahamarinako; engaho ndrozy hivola zisiky hariva hozao: "Hotompó lahy Yaveh, le azy mankató ty fiadana ty mpiasany iny," ²⁸Le hivola ty fahamarinanao iny noho hihira Anao amy ty andro iaby zaho.

Chapter 36Ho ahy ty pipaiky hira. Salamo nanovy i Davida mpiasa i Yaveh.

¹ Baka am-pony laliky soro hivolany ty olo raty ty helokiny, tsy misy fatahora Njanahary amy ty masonry eo. ² Fa mampijanom-bata ie, midiniky fa tsy ho voalomboky noho hala ty fahotany. ³ Ty safany le fahota noho fitaky; tsy ta ho hendry noho hanao soa ie. ⁴ Mila fomba hanota ie, laha miroro an-kitsely eo; manomboky manao raha raty ie; tsy manary ty raty ie. ⁵ Ty fanenkeanao matoky, Yaveh, ro mikasiky amy ty lanitsy; sady ty tsy fivalihanao mikasiky amy ty raho. ⁶ Ty famarinanao ro hanahaky ty vohitsy Njanahary; ty fitsaranao ro hanahaky ty laliky bibiky. Yaveh, Iha ro mamonjy ty olombelo noho biby rey. ⁷ Hentao ty hasarotsy ty fanenkeanao matoky, Njanahary! Mialoky ambany aloky ty elatsy ty olombelo. ⁸ Ho afa-po amy ty halako ty hany an-tranonao ao ndrozy; hanenga androzy hino amy ty renirano ty fitahiana sarotsy Iha. ⁹ Fa Aminao ao ro misy ty loharanon'ay; amy ty fazavanao ao ro ahitanay fazava. ¹⁰ Ahitako tanteraky amy ze mahay anao ty fanenkeanao matoky, ty fiarovanao amy ze mahity fo. ¹¹ Mba ka engà hamonjy ahy ty tombo ty mpiavonavo. Mba ka engà handroaky ahy ty tana ty raty fanahy. ¹² Teny ro nilavao ty raty fanahy; nilavoan-drozy sady tsy afaky niary.

Chapter 37

¹Salamo nanovy i Davida. MBA ka meloky noho mpanao raty rey; mba ka maniry ze manao ty tsy marina rey. ²Fa ho maiky tsy ho ela hanahaky ty boka ndrozy sady halazo hanahaky ty raha mitiry rey. ³Matokisa an'i Yaveh sady manoba ty soa; mipetsaha amy ty tany eny sady hampitomboe ty fatokisa. ⁴Bakeo maankakasitraha an'i Yaveh, le nameany anao ze irý ty fonao. ⁵Ameo an'i Yaveh ty lalanao; matokisa Azy, le hiasa ho anao le. ⁶Hampitoro ty famarinanao manahaky ty andro amy ty mitao vovona. ⁷Milamy aloha an'i Yaveh sady mandinisa Azy am-pahareta. Mba ka meloky laha misy olo mety amy ty raha anoviny, na lafa manao tariky raty ie. ⁸Mba ka meloky noho kivy. Mba ka matahots. Mahavy koronta avao zay. ⁹Ho tapaha mpanao raty rey, fa ze mandiny an'i Yaveh rey koa le handova ty tany. ¹⁰Afaky fotoa kelikely le horava ty olo raty; hanenty amy ty pilasiny iha, fa ie koa ro handeha. ¹¹Fa ty malemy fanahy le handova ty tany sady hisitsaky amy ty fitahia bevata. ¹²Ty lahilahy raty fanahy le manao tariky raty manohitsy ty marina sady nanily ty hiny Aminy. ¹³Mihelhy azy ty Tompo, safe hitany fa avy ty androny. ¹⁴mbiboaky ty sabany ty raty fanahy sady nanenja ty kititsin-drozy tany ty malahelo noho ty mijaly, mba hamono ze mahity rey. ¹⁵Handrava ty fon-drozy manoka ty meso bevatan-drozy, sady ho simba ty kititsin-drozy. ¹⁶Soa vatany ty kelikely anara marina noho ty halako ty an'i olo raty rey. ¹⁷Fa ho tapaha ty tana ty olo raty fanahy, safe Yaveh manoha ty olo marina. ¹⁸Yaveh to manenty san'andro san'andro ty tsy manan-tsiny rey, sady ty lovan-drozy rey ro mandrakizay. ¹⁹Tsy ho menatsy ndrozy lafa raty andro rey. Lafa avy ty mosary, Le hana ty ampy ho hany ndrozy. ²⁰Tsy ho maty ty olo raty fanahy. Hanahaky ty voninahitsy ty baibo fahavalo Yaveh rey; horava ndrozy sady horavan-tsetsoky. ²¹Ty olo raty fanahy le tsy mampimpoly, fa ty olo marina koa matariky noho manome. ²²Ze nitahy Njanahary rey le handova ty tany; ze hozoniny rey le ho tapaha. ²³Amy ty alala i Yaveh ro hametsaha ty lia ty olo, ty olo ze azo bekoa niary amason-Janahary eog ty lalany. ²⁴Na le meloky aza ie, le tsy holavo, safe mitandraky azy amy ty tanany Yaveh. ²⁵Fa tanora zaho fa antitsy amy zao; tsy mbo nahita olo marina nintota lefo zaho na nangataky mofo ty anany. ²⁶Mamalo fo noho mampindra mandrakariva ie, sady nanjary fitahia ty anany. ²⁷Mialà amy ty raty sady mananova ze marina; le hilamy zisiky farany iha. ²⁸Fa tea fitsarà Yaveh sady tsy miala ty mpanoriky lia matoky. Voaaro zisiky farany ndrozy rey, fa tariha ty raty fanahy rey koa ho tapahy. ²⁹Handova ty tany sady hiala zisiky farany ao ty marina. ³⁰Ty vava ty olo marina le mivola fahendrea sady mampitombo fitsarà. ³¹Ty lalà ty Njanahary ro ao am-pony; tsy hovozaky ty tombony. ³²Ty olo raty fanahy ro manenty ty olo marina sady mila ty hamono azy. ³³Tsy hanary azy tan-tanany eo ty olo raty Yaveh na homeloky azy lafa nitsarà ie. ³⁴Mandinisa an'i Yaveh sady oriho ty lalany, sady hampitsanga anao le mba ho fananao ty tany. Ho hitanao lafa tapaky ty raty fanahy. ³⁵Fa nahita olo raty fanahy noho nampangorohoro olo niparitaky manahaky ty hazo maintso amy ty taniny zaho. ³⁶Fa lafa nandalo teo ndraiky zaho, le tsy teo ie. Nila azy koa zaho, fa tsy hita ie. ³⁷Oriho maso ty olo tsy mivaliky, sady sorito ty olo marina; hisy ho avy soa ho ahy ty olo ty fiadana. ³⁸Ho rava tanteraky mpanonta rey; tapaky ty ho avy ty olo raty fanahy. ³⁹Ty famonjea ty olo marina le baka amy i Yaveh; miaro androzy le amy ty fotoa ty koronta. ⁴⁰Manampy androzy Yaveh ka le manavotsy androzy. Manavotsy androzy amy ty olo raty le sady mamonjy androzy safe fa nialoky Taminy ndrozy rey.

Chapter 38

¹Salamo nanovy i Davida, mba handaisa fahatiarova. Yaveh, mba ka mivola maré ahy amy ty heloky; mba ka manasazy ahy amy ty halagininao. ²Fa mahazo ahy ty kititsinao, sady mitindry ahy ty tananao. ³Marary noho ty helokinao iaby ty vatako iaby; tsy misy fahasalama amy ty taolako ao noho ty fahotako. ⁴Fa maharary ahy ty heloky; enta-mavesatsy ho ahy rey. ⁵Mangotsokotsoky nanjatsy ahy rey sady maimbo noho ty herilohako rey. ⁶Miondriky zaho sady latsa-baraka isan'andro; misaona san'andro zaho. ⁷Fa anaiko ao, ro lako siaky, tsy misy fahasalama amy ty nofotsiko ao. ⁸Toro zaho sady torotoro vatany; midway noho ty fangirifiry ty foko zaho. ⁹Tompo ô, hainao ty faniriko laliky biby am-poko ao, sady tsy mivony amina ty fiaiko. ¹⁰Midobodoboky ty foko, mihamalazo ty heriko, mandravo ty fanentea ty masoko. ¹¹Namako rey noho mpitory miaraky amiko ro manalavitsy ahy noho ty raha misy amiko; ¹²Mamelatsy fandriky ho ahy ze mikinia ty aiko rey. Ze mikinia ty hamono ahy rey le miresaky hanapotiky ka le mivola safa fitaky ty androny iaby. ¹³Fa zaho, manahaky ty olo mareny zaho sady tsy maharé ndra ino ndra ino; manahaky ty olo moa tsy mivola ndra ino ndra ino. ¹⁴Manahaky ty lahilahy ze tsy maharé noho ty mana valin-tsafa zaho. ¹⁵Mandiny Anao tokoa zaho, Yaveh; hamaly Iha, Tompo Njanahariko. ¹⁶Mivola zay zaho mba tsy ho faly amiko fahavaloko rey. Laha vozaky ty tomboko, le hanao raha-loza amiko ie rey. ¹⁷Fa tsy hasiaky zaho, sady maharary avao. ¹⁸Miaky ty heloko zaho; mitahy ty fahotako zaho. ¹⁹Nefa lako maré fahavaloko rey; lako ze tsy tea ahy rey tsy ahoa tsy ahoa. ²⁰Mamaly raty ahy ndrozy noho ty soa; mampigadra ahy ndrozy na le nanoriky ze soa aza zaho. ²¹Mba ka manenga ahy, Yaveh; Njanahariko, mba ka manalavitsy ahy. ²²Miavia malaky hamonjy ahy, Tompo, mpamonjiko.

Chapter 39Ho ahy ty mpipaiky hira, ho an'i Jedotona. Salamo nanovy i Davida.

¹Nanapa-kevitsy zahi hozao: "Hiemby ze volaniko zaho mba hanotako amy ty lelako. Hofeheziko ty vavako lafa amy ty famonjea ty olo raty eo zaho."²Nitanjaky tsy fivolana zaho; tsy nivola zaho na le tamy ty fivolana ty soa aza, sady nitombo ty faharariko. ³Niha-nafana ty foko; lafa nidiniky ty momba ty raha rey zaho, niroaroa manahaky ty afo zay. Le nivola avao zaho lafa farany.⁴Yaveh e, Ampahaizo ahy ze fara ty aiko noho ty fara ty androko. Aoro ahy ty aboribory ty fiaiko. ⁵Ingo, nanovinao manahaky ty kiky ty tanako avao koa ty androko, sady ty androm-piainako. Indrakiky avao koa ty imbo ty ay ty olo iaby. Sela⁶Mandehandeha manahaky ty talindro tokoa ty olo iaby, Malisa hamory hanana tokoa ty olo iaby na le tsy hain-drozy vatany aza ze handramby rey. ⁷Amy zao, Tompo ô, ino ty andinisako? Iha raiky ro hany fiankinako.⁸Avoto amy ty fahotako zaho; mba ka manao ahy ho fisafora ty adala. ⁹Tsy mivola zaho sady tsy afaky namoha ty vavako, safe Iha ro fa nanao zay.¹⁰Enganie ze ty fanambania ahy; misafotsy ahy ty kiky ty tananao. ¹¹Lafa mananatsy olo noho ty fahota Iha, le mahazo raha ze iriny manahaky ty kalalifa rey; azo antoky tokoa fa tsy ino tsy ino ty olo fa raha tsy misy. Sela¹²Janjino ty fivavahako, Yaveh, sady mijanjina ahy; mijanjina ty taniko! Mba ka manampin-tsofina amiko, fa manahaky ty vahiny zaho aminao, mpialam-ponena manahaky razambeko rey iaby. ¹³Alao amiko ty saza mba hafahako mihehy ndraiky aloha ty hahafaty ahy.

Chapter 40

¹Ho ahy ty mpipaiky hira. Salamo nanovy i Davida. Nandiny fa ela an'i Yaveh zaho; nijanjy ahy Ie sady naharé ty toreoko. ²Nanday ahy hiakatsy baka andavaky raty ao Ie, baka amy ty fotaky mandravo, la nampitsanga ty tomboko tanabo lafiam-bato ao Ie sady niaro ty liako. ³Nasiaky hira vaovao tan-tsanony teo, fanompoa ho ahy Njanaharitsika. Lako ro hahita zay ka le hanome voninahitsy Azy noho hatoky amy i Yaveh. ⁴Sambatsy ty olo ze manao an'i Yaveh ho tokiny noho tsy manome voninahitsy ty mpirengirengy na ze mpivaliky aminy rey ho amy ty vandy. ⁵Lako, Yaveh Njanahariko, asa mahatseriky ze fa vitanao rey, sady tsy hay isahy ty dininao mikasiky anay; lana manambara noho mivola reny zaho, le handilatsy ze azo isahy reny. ⁶Tsy mankasitsaky soro na fanomeza Iha, fa namoha ty sofiko; tsy mba nangataky fanomeza oroa na fanomeza noho ty ota Iha. ⁷Le hoasako hozao: "Ingo, avy zaho; voasoratsy amy ty boky ao ty mikasiky ahy. ⁸Enkeko ty hanao ty sitsa-ponao, Njanahariko ô; am-poko ato ty lalànao." ⁹Fa nanambara vaovao soa ty famarinanao tamy ty fiangona bevata zaho; Yaveh ô, hainao fa tsy nivola tamy ty fananova zay ty soniko. ¹⁰Tsy nitandrahako tam-poko ao ty famarinanao; fa nambarako ty fatokisanao noho ty famonjeanao; tsy nitandrahako tamy ty fiangona bevata ty fanenkeam-patokisanao noho ty fahendream-patokisanao. ¹¹Mba ka misaka ty asam-pamalo fonao tsy ho amiko, Yaveh; enganie ty fanenkeanao matoky noho ty fahendream-patokisanao hiaro ahy zisiky farany. ¹²Manodidy ahy ty koronta ze tsy hay isahy; nahatsatsy ahy heloko rey ka le tsy afaky mahita ndra ino ndra ino sasy zaho; lako noho volo an-dohako eo rey, sady vozaky ty foko. ¹³Mifalea, Yaveh, amy ty fanavota ahy; malaky handomba ahy, Yaveh. ¹⁴Enganie ho menatsy noho diso fanantena tanteraky ndrozy ze mikiry ty aiko mba hangalaky zay. ¹⁵Enganie ho heloky noho ty fanalam-barakany, rozy manao amiko hozao: "Ahah, ahah!" ¹⁶Fa engao hirengirengy noho hofaly aminao iaby mila Anao rey; enganie ty iaby tea ty famonjeanao hivola mandrakariva hozao: "Hotompoy lahy Yaveh." ¹⁷Mijaly noho malahelo zaho; neda midiniky ty mikasiky ahy ty tompo. Iha ro famonjea ho ahy sady avy amy ty fanavota ahy Iha; mba ka tandrena, Njanahariko ô.

Chapter 41

¹Ho ahy ty mpipaiky hira. Salamo nanovy i Davida. Sambatsy ze mahatiaro ty osa; amy ty androm-pahoria, ro hanavota Yaveh azy. ² Hiaro noho hiemby an-tany eto ie; tsy hamitaky azy amy ty sitrapo ty fahavalony Yaveh.

³Hanoha azy amy ty firoroa ty fijalea eo Yaveh; hanao ty firoroa ty arety ho firoroa ty fanafaha Iha. ⁴Hoasako hozao: "Yaveh e, mamaloza fo amiko! Afaho zaho, fa nanota taminao zaho." ⁵ Mivola raty ahy fahavaloko rey, manao hozao: 'Ombia ie ro ho maty sady ty anarany ho rava?' ⁶ Laha avy mba hanenty ahy ty fahavaloko, le mivola raha tsy misy ie; mamory Lozano rey ho an'i zay avao ty fony; lafa mandalo ahy ie, le mivola ty mikasiky zay amy ty hafa. ⁷Rozy iaby tsy tea ahy mitovy mitakoritsiky hamango ahy; manantena ty handratsy ahy ndrozy.

⁸Hoasan-drozy hozao: "Misy arety mahery mipitiky aminy; zao ie miroro, ka le tsy hitsanga sady." ⁹ Eka fa na le ty namako anilako aza, ze natokisako, ze nihina ty mofoko, le fa nananga ty tondro-beny hanohitsy ahy. ¹⁰Fa iha, Yaveh, mana famalozam-po amiko sady atsangano zaho hafahako mamaly androzy. ¹¹Amy zay ro hahaizako fa faly amiko iha, safe tsy maharesy ahy ty fahavaloko. ¹²Laha ty amiko, le manoha ahy amy ty tsy fivaliha Iha sady hitandraky ahy anila ty tarehinao eo zisiky farany. ¹³Ho tompoy amy zay ka le zisiky farany lahy Yaveh, Njanaharin'Israely. Ameny le Ameny. Boky faharoe

Chapter 42Ho ahy ty mpipaiky hira. Maskila anakilahy i Kora rey.

¹Manahaky ty diara mitiry rano mirotsaky maré, ro hetaheta ho Anao, Njanahary. ²Mangetaheta an-Janahary zaho, ho ahy azy Njanahary velo iny. Ombia zaho ro ho avy noho hiseho anilan-Janahary eo? ³Ty ranomasoko to hany haniko isan'andro, laha mivola amiko mandrakariva fahavaloko rey hozao: "Aia ty Njanaharinao?" ⁴Raha reto ro avy an-tsaiko ao laha mandraraky ty fanahiko zaho: henteo ty nandehanako niaraky tamy ty olo lako noho nitarihako androzy tan-tsanon-Janahary so tamy ty koraky ty hafaleako noho fanompoako, fankalaza lako maré ty fifalefalea. ⁵Nanino ro miondriky iha, fanahiko? Nanino iha ro meloky anaiko ao? Manantena an-Janahary, fa hanompoako Azy ze famonjeako ndraiky zaho. ⁶Njanahariko, ty fanahiko le miondriky anaiko ao, noho zay mahatiaro Anao zaho baka amy ty tany ty Jordana, amy ty tsifa telo ty vohitsy i Hermona, sady baka amy ty vohitsy i Mizara. ⁷Ty laliky maintso ty laliky amy ty korakoraky riandranonao rey ao; onjanao noho olondranonao iaby rey le fa nanafotsy ahy. ⁸Nefa Yaveh hanolo ty fanekeany matoky amy ty atoandro; ty amy ty haliky le hiaraky amiko ty hirany, vavaky raiky ho an-Janahariny ty aiko. ⁹Zaho hivola amin-Janahary, lafiambatoko hozao: "Nanino ro le nanalino ahy Iha? Nanino ro le mandeha misaona noho ty fampijalea ty fahavalozaho?" ¹⁰Manahaky ty fisia ty meso-bevata amy ty taolako eo, ro ivolana mpifania amiko ahy maré rey, laha mivola amiko mandrakariva ndrozy hozao: "Aia ty Njanaharinareo?" ¹¹Nanino ro miondriky iha, fanahiko? Nanino ro meloky anaiko ato iha? Manantenà an-Janahary, fa mbo hanompo Azy ze famonjea ho ahy noho Njanahariko ndraiky zaho.

Chapter 43

¹Ameo rariny zaho, Njanahary, sady ialio ty aliko hanohitsy firenea tsy araky Njanahary rey. ² Fa Iha ro Njanahary ty heriko. Nanino ro nanary ahy Iha? Nanino zaho ro handeha hisaona noho ty fampijalea ty fahavalo ahy?

³Alefaso ty hazavanao noho ty marinao, engaho hitariky ahy reny. Engaho handay ahy henany amy ty vohitsinao masy any reny noho amy ty fipetsahanao any. ⁴ Le handeha amy ty alitaran-Janahary eo zaho, amin-Janahary any ze fifaleako bibiky. Hanompo Anao amy ty harpa zaho, Njanahary ô, Njanahariko.⁵Nanino ro miondriky iha, fanahiko? Nanino ro meloky anaiko ao iha? Manantenà an-Janahary, fa mbo hanompo Azy ze famonjea ho ahy noho Njanahariko ndraiky zaho.

Chapter 44

¹Ho ahy ty mpipaiky hira. Salamo nanovy anakilahy i Kora rey. Maskila. Renay tamy ty sofinay, Njanahary ô, nivolanany razanany taminay ty asa nanovinao tamy ty andron-drozy rey, tamy ty andro taloha. ²Niroahanao tamy ty tananao firenea rey, fa nampipetsahanao ty olo lakony; Nampijaly olo rey Iha, fa naparitakinao tan-tany any ty olo lakonay. ³Fa tsy azon-drozy mba ho fananany tamy ty alala ty meso bevatan-drozy avao ty tany, na ty sandrin-drozy manoka sady tsy nahasarombaky androzy; nefa ty tanan-kavananao, ty sandrinao, sady ty fahazava ty tarehinao, safe soa tamin-drozy Iha. ⁴Njanahary, Iha ro mpanjakako; bekó ty fandreseha ho ahy Jakoba. ⁵Amy ty alalanao ro hitindrianany mpifania aminay rey; amy ty alala ty anaranao zahay ro hikosokosoky androzy, ze mitsanga hanohitsy anay rey. ⁶Fa tsy hatoky amy ty kititsiko zahi, na ty meso bevatako hanavotsy ahy. ⁷Fa nanavotsy anay tamy mpifania aminay ray Iha, sady nampamenatsy ty tsy tea anay rey. ⁸Amin-Janahary ao ro nananovanay ty firengerengeanay amy ty andro lava iaby, sady hanome fisaora ho ahy ty Anaranao zisiky farany zahay. Sela⁹Fa amy zao fa nanary anay Iha ka le nanday anay tamy ty fanalam-baraka, sady tsy niboaky tamy ty tarikinay Iha. ¹⁰Nampihemotsy anay tamy mpifania rey Iha; sady ze tsy tea anay rey nandramby ty hanana ho androzy. ¹¹Nanovinao manahaky ty aondry voalahatsy ho hany zahay sady naparitanao tamy firenea rey. ¹²Mamarotsy ty olo lakonao amy ty tsy dikany Iha; tsy nampitombo ty hanananao Iha tamy ty fananova zay. ¹³Manao anay ho fivolana maré ho an'i namanay rey Iha, nikizaky noho nisomonga anay tamy manodidy anay rey. ¹⁴Manao anay ho fandratia amy firenea eo Iha, ho loham-pangitikitoiky amy olo eo rey. ¹⁵Miha mariny ahy andro lava iaby ty fanalam-baraka, sady henatsy ty tarehiko ro misafotsy ahy ¹⁶noho ty feony ze mivola maré noho mandratiraty ahy, noho ty fahavalo noho ty mpamaly faty. ¹⁷Avy aminay iaby iaby zay; nefa Iha tsy halinonay na tsy nanenky ty fanenkeam-pilongoanao. ¹⁸Tsy nitsobo lala ty fonay; tsy niala tamy ty lalanao ty lianay. ¹⁹Nefa nanapaky maré anay tamy ty toera ty gamboa ly eo Iha sady nisafotsy anay tamy ty aloky ty fahafatesa. ²⁰Laha nanalino ty Anaran'Janahary zahay na namelatsy ty tananay tamin-Janahary hafa, ²¹Ka le tsy hila zay va Njanahary? Fa mahalala ty tsiambaratelo ty fo Ie. ²²Eka vatany, noho ty Aminao ro hamonoa anay amy ty andro lava iaby; diniho hanahaky ty aondry ho amy ty famonoa zahay ²³Mifohaza, nanino ro mandrimandry iha, Tompo ô? Mitsangàna, mba ka manary ela anay. ²⁴Nanino ro le mamony ty tarehinao Iha sady manalino ty fijaleanay noho ty fampijalea anay? ²⁵Fa nilentiky anay lemboky zahay; ndreto ty vatanay mipitiky amy ty tany. ²⁶Mitsangana ho famonjea sady fanavota anay noho ty amy ty fanenkeanao mahatoky.

Chapter 45

¹Ho ahy ty mpipaiky hira; anovy Shoshannim. Salamo nanovy anakilahy i Kora. Maskila. hiram-pitea. Mamoaky foto-kevitsy soa ty foko; hovahiko maré safa ze napitiko mikasiky ty mpanjakako rey, ty lelako ro sitilô ty mpanoratsy mahay. ²Iha mbo soa mandilatsy ty anakolom-belo; hasoa ro voaraky an-tsoninao eo; noho zay le hainay fa Njanahary ro fa nitahy anao zisiky farany. ³Apetsaho anilanao eo ty meso bevatanao, azy mahery iny, amy ty voninahitsinao noho ty habenao. ⁴Amy ty habenao le mandeha amy fandreseha noho ty famendrehampitokisanao, hasoafanahy, noho ty fahamarina; hampitoro anao raha mampatahotsy ty tananao ankavana. ⁵Maranitsy anakybkititsinao rey; lavo ambaninao ao ty olo lako; amy ty fo ty fahavalo ty mpanjaka ao anaky kititsinao rey. ⁶Ty seza fipetsahanao, Njanahary ô, le zisiky farany bibiky; tehy ty rarinyvtyvtehy ty fanjakanao. ⁷Tea fahamarina Iha sady tsy tea ty faharatia; noho zay Njanahary, Njanaharinao, le fa nihosotsy anak tamy ty solobonio ty fifalea mandilatsy noho namanao rey. ⁸Ty akanjona iaby maimbo miora, vahomba, sady akasia; fa nampifaly anao valiha ty ambaliky ty lapa ivoara rey. ⁹Anak'ampela ty mpanjaka rey le anay ty ampela manankaja; an-tana ankavananao eo ro mitsanga ty mpanjak'ampela misiky volamena i Ofira. ¹⁰Mijanina, anak'ampela, mandiniha sady ahohirano ty sofinao; halinonao ty olo lakonao noho ty tsano ty babanao. ¹¹Amy ty alala zay le hitiry ty hasoanao ty mpanjaka, ie ro tomponao, hajao ie. ¹²Ty anak'ampela i Tiro le ho any miaraky amy ty fanomeza; ty mpanarivo amy ty olo eo le hanenky ty fanafahanao. ¹³Anak'ampela ty mpanjaka tan-dapa ao rey le bevata ty voninahitsy iaby; ty fisikinany le nanovy tamy ty volamena. ¹⁴Handesy amy ty mpanjaka eo ie amy ty heloky misy peta-foly; aka kelikely rey, namoy ze manoriky azy, le handesy aminao ao. ¹⁵ho tarihy am-pifalea noho hafalea ndrivy; hilitry an-dapa ty mpanjaka ao ndrozy. ¹⁶An-dapa zazanao ao ro hisy anako rey, ze hanovinao mpanjaka era ty tany iaby. ¹⁷Hampahatiaro ty anaranao amy ty tarihanao iaby zaho; noho zay ty olo lako hanome fisaora anao zisiky farany bibiky.

Chapter 46Ho ahy ty mpipaiky hira. Salamo nanovy anakilahy i Kora rey; anovy Alamota. Tonon-kira.

¹Njanahary ro fialofanay noho herinay, famonjea mahatoky amy ty alahelo. ² Noho zay le tsy hatahotsy zay, na le tokony hiova aza ty tany, na le tokony hangitikitiky aza vohitsy rey, ³ na le misodadaky noho misabadida aza ty ranony, sady na le mangitikitiky miaraky amy ty fisaofany aza vohitsy rey. Sela⁴Misy reny rano ao, ty fiposaha zay le mampifaly ty tanán-Janahary, ke ty fipetraha masy tabernakely azy Abo bibiky iny rey. ⁵Njanahary ro anivony eo; tsy ho mahafihetsiky zay; Njanahary to hanavotsy azy, sady hanao zay amy ty vo maraindray Ie.⁶Meloky firenea rey sady voa kosokosoky fanjaka rey; nanonjotsy ty feony Ie, ka le niatsiky ty tany. ⁷Mikasiky antsika Yaveh ho tompo ty lako; ty Njanahary i Jakoba ro fialofanay. Sela⁸Avia, ingo asa i rey, ty fandrava ze fa nanovy tany ty. ⁹ Ampijanony mana amy ty tany toy any ty aly; mpanorotoro ty kititsy Ie sady mpanapatapaky ty lefo; mandoro ty fiaro Ie.¹⁰Tsy mivola sady haizo fa Zaho ro Njanahary; Ho asondrotsy amy firenea rey eo Zaho; ho asondrotsy amy ty tany eny Zaho. ¹¹Mikasiky antsika Yaveh Tompo ty lako; ty Njanahary i Jakoba ro fialofantsika. Sela

Chapter 47

¹Ho ahy ty mpipaiky hira. Salamo nanovy anakilahy i Kora. Mitehafa tana olo lako iaby; mihira ho an-Janahary amy ty feo ty fandrese. ²Fa Yaveh ro Abo Bibiky ka le hatahora; Ie ro Mpanjaka bevata ty tany toy iaby. ³Mandresy olo ambanitsika rey eo Ie sady firenea ho ambany tomboky eo. ⁴Mitingy ty lovantsika ho antsika Ie, ty voninahitsy Jakoba ze teany. Sela ⁵Njanahary ro fa niakatsy am-pifalea Njanahary, Yaveh tamy ty feo ty trompetra. ⁶Mihirà fihira ho an-Janahary, mihirà fihira; ho ahy azy Mpanjakatsika iny, mihirà fihira. ⁷Fa Njanahary ro mpanjaka ty tany toy iaby; mihirà fihira amy ty fazavan-tsay. ⁸Manjaka ty firenea toy Njanahary rey; mipetsaky anabo ty seza fipetrahany masy Njanahary. ⁹Mpanjaka ty olo mivory ho ahy ty olo lakon-Janahary i Abrahama rey; fa fiaro ty tany rey le an-Janahary; Ie ro hasonjotsy bibiky.

Chapter 48 Tonon-kira. Salamo nanovy anakilahy i Kora rey.

¹Bevata Yaveh sady tokony Hotompoy bibiky, an-tanàn-Janaharitsika ao, ambohitsiny masy eo. ²Abo soa, ty fifalea ty tany iaby, le ty vohitsy i Ziona, amy ty ilany avaratsy eo, ty tanà ty Mpanjaka bevata. ³Njanahary ro fa nampahay ty vatany tany lapany ao rey ho fialofa. ⁴Fe, ingo, mmpanjaka rey nivory niaraky nandalo ndrozy. ⁵Nihitandrozy zay, le nitseriky; le vatany natahotsy noho nilay malaky. ⁶Nahazo azy ty tany amy ty fangitikitiha, le manahaky ty fijala ty ampela lafa hiteraky. ⁷Bala amy ty tsioky antinana ro hamakianao ty sambo i Tarsisy. ⁸Araky ze fa nirenay, ro nihitanay tao an-tana Yaveh tompoa ty lako, tan-tana-Ndranaharinay; hampitoeran-Dranahary mandrakizay lahy zay. Sela ⁹Fa nieritseritsy ty momba ty fanenkea mahatokinanao zahay, Ndranahary lahy, tanivo ty fiangonanao. ¹⁰Araky ty Anaranao, Ndranahary lahy, le zay ty fanompoa Anao baka amy ty kila tany; atsiky fahamarina ty tananao ankavana. ¹¹enganie hifaly ty vohitsinao a Ziona, enganie hhifaly ty anakampela i Joda noho ty lilinao to. ¹²Mandeha mihodidy ty vohitsy Ziona, miodakodaha aminy eo; hisaho ty tilikambony, ¹³henteo soa ty mandany, sady ilao lapany rey mba ahahaizanao mitantara zay amy ty tarihanao ho avy. ¹⁴Fa azy Ndranahary io ro Ndranaharitsika zisiky amparany; Ie ro tari-dala ho ahintsika zisiky amy ty fahafatesa.

Chapter 49

¹Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy ty anakilahy Kora. Janjjino zao, nareo olo iaby; ahorirano ty sofy, nareo iaby mpipetraky amy ty tany,² ndra ambany ndra anabo, ndra mpanarivo ndra mijaly miaraky.³Ty vavako hivola fahendrea sady ty vetsy ty fokko hivola ty fahazavan-tsay. ⁴Hanorira sofy amy ty fanohara zaho; hanomboky ty fanohara amy ty harpa zaho. ⁵Manino zaho ro tokony havaka andro raty rey, lafa mihodidy ahy amy lelatomboko ty hadisoa?⁶Manino zaho ro tokony havaka rey ze matoky amy ty hanagnany noho hieboeboamy ty halako ty hananany? ⁷Le vatany azo antoky vatany fa tsy hisy afaky hahavonjy ty rahalahany ndra hanome takalo hoahy Ndranahary ho tiazy, ⁸fe ty fanavota ty ay le sarotsy, sady tsy misy afaky hanefa ze tokony honerantsika.⁹Tsy misy afaky miay mandrakizay zay le tsy ho simba ty nofitsiny. ¹⁰Fa nahita fahasimba ie. Olo hendry rey ho maty; ty gegy noho ty masiaky samby ho rava noho hanenga ty hananany hoahy ty hafa. ¹¹Mieritseritsy ndrozy fa ty longony, noho ty toera ipetrahany le hitohy mandrakizay, hoahy ty tarihany; kaiha araky ty anarany avao koa ty tanindrozy.¹²Fe ty olo, mana hanana, le tsy hipetraky ho velo; manahaky ty biby ze ho rava.¹³ Ty lalandrozy toy, ro annkadalaindrozy; kanefa afarandrozy, le ankahasitrahany ty olo ty fomba firesany. Sela¹⁴Manahaky ty aondry ro nitondroa androzy ho amy ty fiaina tsy hita, sady ty fahafatena ro ho mpiamby androzy. Lafa maray le hanapaky eo ty olo to, sady ho rava amy ty fiaina tsy hita ty nofitsiny, le tsy toera hipetrahany-drozy. ¹⁵Fa Ndranahary hamonjy ty fiaiko amy ty hery ty fiaina tsy hita ; handramby ahy Ie. Sela¹⁶Ka mavaka laha misy olo manjary mpanarivi, sady mitombo ty voninahitsy ty valy amy ty ananany. ¹⁷Fa lafa maty ie tsy handay ndra ino ndra ino; tsy hijotso hanoriky azy ty voninahitsiny.¹⁸Laha mbo niay ie le hitahy ty fanahiny---sady manompo anao ty olo lafa miay hoahy ty vatanao iha--- ¹⁹handeha amy tariha ty razany ie sady tsy hahita ty hazava mihintsy. ²⁰Ze mana hanana fe tsy mana fahazavan-tsay le manahaky ty biby, ze ho rava.

Chapter 50

¹Salamo nanovy Asafa. Azy Tsitoha, Ndranahary, Yaveh, le fa nivola noho nikaiky ty tany manomboky ty fiboaha ty mahasoandro zisky amy ty filentehany. ²Baka a Ziona, azy soa amy ty hasoan-tarehy, ro natoron-Dranahary. ³Ho avy Ndranaharitsika le tsy hangiky; Hisy avo mampitranaky alohany eo, sady andiantsioky mare ro mihodidy Azy. ⁴Mikaiky ty lanitsy anabo noho ty tany le mba hahaizany mitsara ty olony: ⁵"Avorio miaraky ho anamiko atoy matahotsy Ahy rey, le azy fa nanao fanenkea tamiko tamy ty soro." ⁶TY lanitsy hanambara ty famarinany, fa vata-tena Ndranahary mihintsy ro mpitsara. Sela ⁷Mijanina, lahy oloko, le hivola Zaho, Zaho ro Ndranahary, Azy Ndranaharinareo. ⁸Tsy hananatsy anao noho soronao rey zaho; alohako avao azy fandainao ho roa rey. ⁹Tsy hangalaky aomby lahy baka an-tranonao zaho, ndra aosy lahy baka amy ty valanao. ¹⁰Fa tiahy iaby ty biby anay ty ala, noho ty biby fihary iaby amy ty vohitsy anarivo. ¹¹Haiko iaby ty voro mitily ty vohittsy iaby, sady Tiahy ty biby li am-baibo. ¹²Lafa mosare Zaho, Tsy hivola aminao zao; fa ahiko ty tany, noho ze kila raha iaby aminy ao. ¹³Vasa hihina ty nofitsy ty aomy lahy va Zaho ndra hino ty lio ty aosy? ¹⁴Aseseo amy Ndranahary ty sorom-pisaora, sady efao amy ty Anabo mare ty voadinao rey. ¹⁵Kaiho Zaho amy ty andro fijalia; le hamonjy anao Zaho, sady hanome voninahitsy Ahy iha. ¹⁶Fa hozao tiasan-Dranahary amy ty raty fanahy manao hozao: "Ino ro anovinao amy ty fanambara ty liliko rey, fa norambesinao am-bavanao eo ty ¹⁷fanenkeako, safe malay ty fananara iha sady manary safako rey?" ¹⁸Lafa mahita mpangalatsy iha, le miharo loha aminy iha; mandramby anjara amy ty mandranto iha. ¹⁹Asesinao hoahy ty raty ty vavanao, sady ty lelanao manaboaky verivery. ²⁰Mipetraky iha sady mivola manaboka ty rahalahinao; asarasaranao ty anakilahy ty renninao. ²¹Fa nanao kila raha iaby rey iha, fe nitanjaky ty fahangina zaho, hay ndra mieritseritsy iha fa olo manahaky ty vatanao avao Zaho. Fe hananatsy anao zaho sady hampiakatsy, ho amy tandrify ty masonao, kila raha iaby fa nivitao. ²²Asio findiniha soa zay, iha ze nagnalino an-Dranahary, lafa tsy zay le horavaravako iha, sady tsy misy avy hanampy anao! ²³Ze manesy sorom-pilongoa ro mankalaza Ahy, sady hoahy ze mikinia ty lalany ho amy ty lala to ro hatoroko ty famonjean-Dranahary."

Chapter 51

¹Ho ahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida; Lafa namonjy an'i Natana mpaminany tafara nandriany niaraky tamy Barseba. Ferineso zaho, Ndranahary lahy, noho ty fanenkeanao atokisa; noho ty amy halakoa ty asam-pamaloza-ponao, vono ty hadala nanoviko. ²Sasao ankilaniny noho ankilany zaho mba ho afaky fahadisoa sady sasao amy ty fahadisoako. ³Fa haiko ty fahadisoako, sady alohako eo avao saky hariva ty fahotako. ⁴Taminao sady taminao raiky, ro fa nanotako no nahavitako raha raty tamy masonao; fa mahity Iha lafa mivola; sady to laha mitsara. ⁵Ingo, teraky tamy ty fahadisoakko zaho; laha mbo novolavola ty reniko, le fa tamy ty fahota zaho. ⁶Ingo, maniry fahamendreham-pitokia anaiko ato Iha; anaiko ato ro nampahaizanao ahy ty fahendrea. ⁷Sasao amy hysopa zaho, le ho malio zaho, le ho foty mandilatsy ty oram-panala. ⁸Ampahareneso hafalia zaho mba hahaza ty taolako hifaly. ⁹Avonnio amy ty vatanao fahotako rey le afaho ty fahadisoako iaby. ¹⁰Amorony fo malio zaho, Ndranahary lahy, sady solo ho fanahy to ty anaiko ao. ¹¹Ka manalavitsy ahy amy ty fanatrehanao, sady ka ala amiko ty Fanahinao masy. ¹²Ampolio amiko ty fifalia amy ty fammonjeanao, sady tohano amy ty fanahinao vonona zaho. ¹³Le hampianatsy ty mpandika lily ty lalanao zaho, le hiova fo mpanota rey. ¹⁴Engaho zaho amy ty fandatsahan-dio, lahy Ndranahary ty famonjea ahy, le hikoraky ty fifalia ty fahamarinanao zaho. ¹⁵Tompo lahy, vohao ty soniko, le hanao fanompoa ho Ahinao zaho. ¹⁶Fa tsy mankasitraky soro Iha, ndra zaho manesy zay; tsy mana fahafinareta amy ty fanesy oroa Iha. ¹⁷Azy fanday ahy Ndranahary rey le fanahy torotoro. Iha, Ndranahary lahy, le tsy hanao ino ty fo torotoro noho ty maneny. ¹⁸Manaova soa amy ty fankasitrahanao an'i Ziona; Areno ndraiky ty manda i Jerosalema. ¹⁹Le hankasitraky ty sorom-pahamarina, amy ty fanday oroa sady fanday oroa rey iaby Iha; le hanesy aomby lahy amy ty alitara ty olonay.

Chapter 52Hoahy ty mpihira. Maskila i Davida; lafa niavy hivola an'i Saoly i Doega Edomita, sady nivola hozao
taminy: "

¹Manino iha ro mirengirengy amy ty fanaova raty, iha ay lahilahy mahery? Avy saky sanandro ty famalozam-po Ndranhary. ²Mikinia handrava ty lelanao manahaky ty lamy maranitsy, miasa amy ty verivery. ³Tea ty raty mandilatsy ty soa iha sady mavandy tany mivola ty fahamarina. Sela⁴ea ty safa iaby ze mandrava ty hafa iha, iha lahy lela mpamerivery. ⁵Handrava anao manahakay zay avao mandrakizay oa Ndranhary; hangalaky anao Ie le nanombotsy anao amy ty lainao ao tsy ho amy ty tany velo. Sela⁶Hahita zay avao koa ty masy le havaka; hihehy azy ndrozy le hivola hozao: ⁷"Ingo, toy azy lahilahy tsy nanao an'Dranahary ho fialofany, fa natoky tamy ty faha lako ty heriny, sady nahery ie tamy i mbo nadrava ty ilany."⁸Fa laha zaho avao aloha, le manahaky hazo ty oliva maintso anay ty tranon-Dranahary zaho; natoky ty fanenkea mahatokin-Dranahary zisiky amparanyzaho. ⁹Hanome sitraky Anao zisiky amparany zaho amy ze vitanao. Hiamby ty Anaranao amy ty fanatreha ty olonao masy eo zaho, safe soa izay.

Chapter 53

¹Ho ahy ty mpihira; anovo Mahalata. Maskila i Davida. Tyv gegy mivola anay manao hozao: "Tsy misy Ndranahary." Mpanao raty iaby ndrozy sady nahavita fahota fahavetaveta; tsy misy manao ty soa. ²Miondriky manenty ty anak'olombelo baka andanitsy any Ndranahary mba hanenty laha misy mahatakatsy, ze mila Azy. Fa nibio iaby ndrozy. ³Niaraky niova ho mpanao raty ndrozy. Tsy misy ndra raiky manao ty soa, ndra raiky avao aza. ⁴Vasa ze manao ty raty rey tsy mana fahazavan-tsay le azy mandevy ty oloko manahaky azy homa mofo rey sady tsy mikaiky an-Dranahary ndrozy? ⁵Tanay ty havaka mare ndrozy, ndra tsy nisy antony tokony hampavaka; Fa Ndranahary nanapatapaky ty taola ty ze hivory hanohitsy anao; ty olo manahaky zay le ho afahy baraky safe fa tsinenkean-Dranahary ndrozy. ⁶Enganie mba ho avy a Ziona ty famonjea ahy Israely! Lafa andesin-Dranahary mimpoly baka amy ty fahagadrany ty olony, le ho falifaly Jakoba sady ho faly i Israely!

Chapter 54

¹Hoahy ty mpihira; hampiaraha amy lokanga. Maskila i Davida; lafa avy Zifita rey sady nivola tamy Saoly hozao: "Tsy namony ty vatany niaraky tamitsika va i Davida?" Vonjeo amy ty Anaranao zaho, lahy Ndranahary, sady tsarao amy ty herinao. ²Janjino ty fivavahako, lahy Ndranahary; ahorrano sofy ty safy ty vavako rey. ³Fa olo hafa firenena ro mitsanga hanohitsy ahy, sady lahilahy tsy miferinay ro nagnia ty aiko; tsy nemetraky an-DRanahary tahohany teo ndrozy. Sela ⁴Ingo, Ndranahary ro mpamonjiko; Tompo raiky avao ro mamonjy ahy. ⁵Hamaly ty raty nanovy ty fahavaloko rey ie; Ravao ndrozy rey, amy ty fahatokiana! ⁶Amy ty fanday vokatsy ty foko ro hananovako soro ho Ahinao; fisaora ro asesiko ho Ahinao, lahy Yaveh, fa soa zay. ⁷Safe namonjy ahy tamy ty loza iaby Ie; Fa nahita fandreseha tamy ty fahavaloko ty masoko

Chapter 55Hoahy ty mpihira; ampiarahy amy valiha. Maskila i Davida.

¹Ahorirano amy ty fivavakako lahy ty sofinao Ndranahary; Ka mamony ty vatanao amy ty fijaleako. ²Janjino zaho le valio; tsy misy fienena zaho amy ty problemiko ³noho ty feo ty fahavaloko rey, noho ty fampijalea ty raty fanahy; mampanday fijalea ho tiahy ndrozy sady manenjiky ahy amy ty heloky.⁴Mangitikitiky anaiko ato ty foko, sady nilatsaky tamiko ty horohoro ty fahafatesa. ⁵Fa niavy amiko ty fahatahora noho ty fangitikitika, sady namdomboky ahy ty horohoro.⁶Hozao tiasako: "E, laha mba nana elatsy manahaky ty pizeon zaho e! Le nitily zaho le ho amy ty fiala morimoritsy. ⁷Ingo, nikarikarioky lavitsy vatany zaho; nieny tanefitsy. Sela⁸Namonjy fialofa malaky amy ty tsioky noho ty ranon'oram-baratsy aho" ⁹Ravao ndrozy rey, lahy Tompo, ampiharo ty fivolanany! Fa nahita heriloha noho fifamalia tan-tana tao zaho.¹⁰Mandehandeha saky sanandro anabo ty manda zay rey. ¹¹Hadisoa noho fialona ro anivo zay. Faharatia ro anivo zay eo; sady tsy miala amy ty tsenany ty fampijalea noho ty verivery.¹²Fe tsy ty fahavalo ro mivola ahy mare, laha tsy zay le afaky hiaritsy avao zaho; sady tsy azy nalay ahy ro nitsanga hanohitsy ahy, fa laha tsy zay le afaky namony ty vatako taminy avao zaho. ¹³Fa le iha vatany ty lahilahy mifanahaky hahbe amiko. namako mare. ¹⁴Nana fiharoa lako tsika; nndeha tan-tranon-Dranahary niaraky tamy ty olo tsika.¹⁵Enganie ho avy amindrozy amy ty tsy ampoizy ty fahafatesa; tokony hijotso velo amy fiaina tsy hita ndrozy, safe faharatia ro nipetrahandrozy, ndra aia ndra aia mmisy androzy.¹⁶Laha zaho aloha, le hikaiky an-Dranahary zaho, sady Yaveh hanavotsy ahy. ¹⁷Mitoreo noho malahelo amy hariva, lafa maray noho ty midi; le hahare ty feoko Ie. ¹⁸Hamonjy ty fiainako soa ie amy ty aly ze nanohitsy ahy, fa lako mare ty nialy tamiko rey.¹⁹Ndranahary , azy manjaka mandrakizay, lahy hijanjy le hanambany androzy. Sela Tsy miova mihintsy ndrozy, sady tsy mavaka Andranahary.²⁰Nampitsanga tana hanisy ze nilongo tamy ty namako; tsy nanaja ty fanenkea ze nananany ie. ²¹Nadoso manahaky ty dibera ty vavany, kay nalay ty fony; nalemy manahaky ty soliky ty vatany, fe kay mesobe nitrobohibohy rey.²²Engaho amy Yaveh ty entanao mavesatsy, sady hamonjy ano Ie; tsy hanenga ty olo to hangitikitiky mihintsy Ie. ²³Fa Iha, Ndranahary lahy, ro hampijotso ty raty fanahy andavaky ty fandrava; azy marandra lio rey noho azy olo mpamerivery le tsy haiko mihintsy ndra ty ilany amy ty hafa aza, fa zaho le hatoky aAnao.

Chapter 56

¹Hoahy ty mpihira; anovo Jonatelema-rehokima. Salamo nanovy Davida. Miktama; tamy ty nisambora Filistina azy ta Gata. Ferineso zaho, lahy Ndranhary, fa manafiky ahy lahilahy rey! Azy mialy amiko rey misery mare ty fanafihany amy ty andro lava iaby. ²Manitsaky ahy amy ty andro lava iaby ty vahavaloko rey; fa lako azy mialy amiko amy ty firengerengea rey. ³Laha mavaka zaho, le engako aminao ty fitokisako. ⁴Amy Ndranhary, ro hanompoako ty safany---amy Ndranhary ro fa nanengako ty fahatokisako; tsy havaka zaho; ino avao ro azo ty nofitsy hanovy amiko? ⁵Mandika vila ty safako andro lava ndrozy; manohitsy ahy amy ty fisaina raty iaby ndrozy. ⁶Miharo ndrozy, mivonny ndrozy, le manaaky ty liako, safe mikinia ty aiko. ⁷Ka enga hhilay amy ty fanaova raty ndrozy. Reseo amy ty helokinao olo rey, lahy Ndranhary. ⁸Manisaky ty fikarikarioky Iha sady anovinao anay ty filako ty ranomasoko; vasa tsy voadika amy ty bokinao ao va rey? ⁹Le himpoly ty vahavaloko amy ty andro ze hikaihako Anao; haiko zay, fa hialy ho ahy Ndranhary. ¹⁰Amy Ndranhary ro hanompoako--- ro hanompoako ty safany, amy Yaveh--- ro hanompoako tysafany, ¹¹amy Ndranhary ro tamaniko, le tsy havaka zaho. Ino va ty raha hainolo hanovy amiko? ¹²Amiko ato ty adidy hanatanteraha voadiko rey aminao, lahy Ndranhary; hanesy fanday fisaora ho ahhinao zaho. ¹³Fa namonjy ty fiaiko tamy ty fahafatesa iha; nitanjaky ty tomboko tamy ty firavoha Iha, mba hahaizako mandeha antrehan-Dranahary amy ty fahazava ty velo.

Chapter 57Hoahy ty mpihira; anovo Al-Tashheth. Salamo nanovy Davida. Miktama; laha nilay an'i Saoly ie, tanay ty lakato.

¹Ferineso zaho, lahy Ndranahary, ferineso zaho, fa hialoky aminao zisiky itampera ty fijaleako zao. Hipetraky ambany elatsinao ho fiarova zaho zisiky itampera ty faha rava zao. ²Hikoraky mare ahy Ndranahary Anabo Mare zaho, hoahy Ndranahary, ze manao kila raha iaby hotiahy. ³Handefa fanampia baka andanitsy Iesady hamonjy ahy, meloky amy ze manisy ahy Ie. Sela. Ndranahary handefa ty hasoa fanahiny noho ty fatokisany amiko. ⁴Amy lion rey ao ty fiako, amy azy voho hitely ahy rey zaho. Amy azy olo ze mana hy manahaky ty lefo noho kititsy zaho, sady azy ze mana lela mesobe maranitsy zaho. ⁵Misondrota, lahy Ndranahary, anabo ty lanitsy; enganie ho anabo ty tany iaby ty voninahitsinao. ⁶Namelatsy harato hoahy ty tomboko ndrozy; mijaly zaho. Nihaly lavaky talohako teo ndrozy. Le ty vatandrozy avao ro niravoky tanivo zay tao! Fienena noho ty fanompoa. ⁷Tafapetraky ty foko, lahy Ndranahary, tafapetraky ty foko; hihira zaho, eka hihira fanompoa zaho. ⁸Mifohaza, ry foko namea voninahitsy; mifohaza, ry valiha noho lokanga; ho fohaziko ty maraindraindray. ⁹Hanesy fisaora ho Ahinao zaho, lahy Tompo, amy olo rey; hihira fanompoa ho Ahinao zaho amy firenena rey eo. ¹⁰Fa bevata ty fitiavanao tsy mety ho rava, manakatsy ty lanitsy; sady ty fahatokisanao manakatsy ty raho. ¹¹Misondrota, lahy Ndranahary, anabo ty lanitsy; ty fahasoavao lahy ro hasondrotsy heniky ty tany iaby

Chapter 58

¹Hoahy ty mpihira; anovo Al-Tashheth. Salamo nanovy Davida. Miktama. Mivola ty hato va lahy nareo mpanapaky rey? Mitsara amy ty hato va nareo, ry olo? ²Aha, manao ty haratia anainareo nareo; mizara heriloha heniky ty tany amy ty tananareo nareo. ³Nisaraky ty raty fanahy ndra mbo tan troky aza; nisaraky ndrozy vatany vo teraky amy ty fivolana vandy. ⁴Manahaky ty fomba bibilava ty fombandrozy; manahaky ty vipera mareny ze misaka ty sofiny tsy hahare, ⁵ze tsy midary ty feo ty mpihisa aoly, ndra mahay manao akory aza ndrozy. ⁶Vakio am-bava any ty hindrozy, lahy NDranaahary; poteho ty vangy ty anaky lion rey, Yaveh lahy. ⁷Engaho ndrozy ho ritsy manahaky ty rano very; lafa mandefa ty kititsiny ndrozy, le tokony manahaky ty tsy misy lohany. ⁸Engaho manahaky ty lelosy mitranaky ndrozy sady maty, manahaky ty zaza tsy ampy volan'ampela raiky ze tsy mahita ty hazava ty mahasoandro. ⁹Aloha ty hahaiza ty valaninao ty hafana mandoro ty fatiky, le handesy amy ty tsioky mare rey, ndra ty fatiky maintso ndra ty fatiky mirehity. ¹⁰Ty olo to hifaly lafa mahita ty famalian-Dranaahary ie; hanasa ty tombony amy ty lio ty raty fanahy ie, ¹¹mba hivola ty olo hozao: "Le vatany to, fa misy fanomeza hoahy ty olo mary; le vatany to fa misy Ndranaahary ze mitsara ty tany."

Chapter 59Hoahy ty mpihira; anovo Al-Taashehth. Salamo nanovy Davida. Miktama; lafa naniraky i Saoly, le niamby ty trano mba hamonoa azy.

¹Afaho amy fahavaloko rey zaho, lahy Ndranhary,engaho amy ty anabo lavitsy azy mitsanga hanohitsy ahy rey.

²Embeno amy mpanao hadisoa rey zaho. sady afaho amy ty olo teo lio.³Fa, ingo, mihevitsy hikinia ty aiko ndrozy. Azy mpanao raty mahery rey le mivory hanohitsy ahy, fe tsy noho amy ty hadisoako ndra ty fahotako, lahy Yaveh.

⁴Mihentsy hamono ahy ndrozy ndra tsy mana hadisoa aza zaho; mifohaza sady vonjeo zaho le henteo.⁵Iha, lahy Yaveh Ndranhary tompoa ty lako, azy Ndranhary ty Israely,miongaha le sazio firenena iaby rey; ka miferinay amy ze mpanao hadisoa. Sela⁶Lafa hariva ndrozy mimpoly, mihaokaoky manahaky ty alika ndrozy sady mikarikarioky eraky ty tana. ⁷Ingo, mandresatsy amy ty vavany ndrozy; mesobe ro amy ty soniny, fa hozao tiasandrozy: "Ia ro mahare anay?"⁸Fa Iha, lahy Yaveh le homehy androzy; anovinao fimeheza ty firenena iaby.

⁹Ndranhary, herikoo, hijanjy Anao zaho; tilikamboko anabo Iha.¹⁰Hifankahita amiko Ty Ndranahariko miarakay amy ty fanenkea ho tamany; Ndranhary ro manenga ahy hahita ty faniriako amy ty fahavaloko rey. ¹¹Ka vonoa ndrozy, tsy no hanalino ty oloko. aparitaho amy ty fahefanao ndrozy sady anovo ho lavo ndrozy, lahy Tompo fiaronay.¹²Noho ty fahota ty vavandrozy noho ty safa ty sonindrozy, le tokony ho sambory ndrozy amy ty firengirenginy, sady amy ty ozo noho ty vady ro natorony. ¹³Ravao amy ty helokinao ndrozy, ravao ndrozy mba tsy hisy sasy; engaho ndrozy ro hahay fa Ndranhary ro mpanjaka amy Jakoba noho baka amy ty kila tany. Sela¹⁴Lafa hariva ndrozy mimpoly, mihaokaoky manahaky ty alika mikarikarioky eraky ty tana. ¹⁵Mikarikarioky mila hany ndrozy sady mierotsy manahaky ty alika laha mbo tsy vintsy.¹⁶Fa hihira mikasiky ty herinao zaho, sady hihira mikasiky ty fitiavanao lafa maray zaho tsy hiova! Fa fiarova anabo ho tiahy Iha sady fialofa amy ty andro fijaliako. ¹⁷Ho Ahinao, ry heriko, ro hihirako fanommpoa; fa Ndranhary ro fiarova anabo ho tiahy, azy Ndranhary ty famaloza-po.

Chapter 60Ho ahy ty mpihira; Anovo Shushan-Eduth. Miktama nanovy Davida; ho fampianara. Tamy i nialy tamy Syria Naharaima noho tamy Syria Zobah, le Nimpoly Joaba le namono Edomita roa aly sy roa arivo tambaibon-tsira.

Chapter 60Ho ahy ty mpihira; Anovo Shushan-Eduth. Miktama nanovy Davida; ho fampianara. Tamy i nialy tamy Syria Naharaima noho tamy Syria Zobah, le Nimpoly Joaba le namono Edomita roa aly sy roa arivo tambaibon-tsira.

¹Ndranahary o, fa nanary anay Iha; fa namakivaky ty fiarovanay Iha; meloky Iha; ampolio ndraiky zahay.²Fa nampihovitsovitsy ty tany Iha; fa nopotehinao zay, jangao ty tatakany, fa mihozohozo zay. ³Nampahita raha sarotsy ty olonao Iha; nampinominao divay mampivembe zahay.⁴HO ahy azy manome voninahitsy Anao, le fa nanamboaranao faneva azelazela hanohera azy manday kititsy. Sela ⁵Mba hahavy azy teanao rey ho vonjea amy ty tananao ankavana zahay sady valio zaho.⁶Nivola tamy ty fahamasina Ndranahary manao hozao: "Hifalifaly Zaho; hizara an'i Sekema Zaho sady hanoritsy ty baibo i Sokota. ⁷Tiahy Gileada, sady Tiahy Manase; fiarovan-dohako avao koa i Efraima; Joda ro kobay piadanako.⁸Koveta ndrano fanasako iu Moaba; heniky Edoma ro hanorahako ty kapako; hikoraky amy ty fandreseha Zaho noho i Filistina."⁹Ia va ro handay ahy amy azy tana mahery? Ia va ro hitariaky ahy amy tana i Edoma?¹⁰Fa Iha, Ndranahary o, moa tsy efa nanda anay va? Iha tsy nandeha nialy niaraky tamy ty miaramilanay. ¹¹Ampio zahay hanohitsy ty fahavalonay, fa raha fahatany ty fanampia ty olombelo. ¹²Handresy zahay miaraky amy ty fanampia Ndranahary; hanitsakitsaky ty fahavalonay rey ie.

Chapter 61

¹Hoahy ty mpihira; ampiaraha amy valiha. Salamo nanovy Davida. ²Janjino ty toreoko, Ndranahary o; Atreho ty fivavahako. ³Baka amy ty fara ty tany ro nikaihako Anao lafa heniky ty foko; tariho amy ty lafiham-bato ze anabo mare mandilatsy zao zaho. Fa Iha ro efa fialofa ho tiahy, fiarova mare amy ty fahavaloko. ⁴Engaho zaho hipetraky amy tabernakelinao mandrakizay! Engaho zaho hialoky ambany aloky ty elatsinao rey. Sela ⁵Fa iha Ndranahary o, ro fa nahare ty voadiko, fa nanome ahy lova azry manome voninahitsy ty Anaranao rey Iha. ⁶Hampaharitsy ty fiaina ty mpanjaka Iha; hanahaky ty tariha mifampisololo ty taony. ⁷Hipetraky anatreha n-Ndranahary mandrankizay ie. ⁸Hihira fanompoa hoahy ty Anaranao mandrakizay zaho mba hahaizako manatanteraky voadiko rey saky sanandro.

Chapter 62Ho ahy ty mpihira, araky ty fomba i Jedotona. Salammo nanovy Davida.

¹Miamby Andranahary raiky avao ampahangina zaho; baka aminy ty fammonjeko. ²Ie raiky avao ro lafiambatoko noho famonjeko; Ie ro fiarova ho tiahy; vatany tsy hangozohozo zaho. ³Zisiky ombia, nareo iaby, ro hanafiky olo, mba hafahanareo mampihozomgozo azy manahaky ty manda milahatsy ndra lakoro mihozongozo? ⁴Nifankahita taminy raiky ndrozy mba hanambany azy amy fipetrahany voninahitsiny lako; teandrozy mivola raha vandy; mitsipy rano azy amy ty vavany ndrozy, fe manozo azy anainy ao.Sela⁵Miamby Andranahary raiky ampahangina zaho; fa aminy any ty fanantenako ro mipetraky. ⁶Ie raiky avao ro lafiambatoko noho famonjea ahy; Ie ro fiaraovako; le tsy hizonkoko zaho. ⁷Amy NDrarahary ty famonjea ahy noho ty voninahitsiko; ty lafiambatony ro heriko noho fialofako le amy Ndrarahary ao. ⁸Tamano amy fotoa iaby Ie, nareo olo; alongano aloha aminy eo ty fonareo; sady ho fialofantsika Ndrarahary. Fijanona noho fanompoa. ⁹Tsy misy dikany vatany ty olo ambany, sady olo anabo rey le vandy; ho maiva amy ty balance ndrozy; laha lanja miarakany le maiva, le sady tsy misy ndrozy. ¹⁰Ka matoky ty fampijalea ndra ty fandrava; sady mitama hanagna tsy misy dikany, safe handramby ty vokany ndrozy; ka ankiny amindrozy ty fonao. ¹¹Fa nivola indraiky avao Ndrarahary, fanindroany ro naharenasako zay manao hozao: ahin-Drarahary ty hery. ¹²Anao avao koa , lahy Tompo, ro fanenkea atokisa, fa iha ro mamaly ty olo kiraikiraiky baka amy ty vitany.

Chapter 63Salamo nanovy Davida, tamy i mbo tanefitsy Joda.

¹Ry Ndranahary, Iha ro Ndranahariko! Mila Anao mare zaho, Mila Anao ty fanahiko, sady maniry Anao ty notsiko, amy tany le vatany maiky ze tsy misy rano. ²Le fa nanenty Anao tamy olo masy tao zaho mba hahita ty herinao noho ty voninahitsinao. ³Safe soa mandilatsy ty fiaina ty famalozam-ponao, le hanompo Anao ty soniko. ⁴Laha mbo velo avao zaho le hisaotsy Anao; hanondrotsy ty tanako amy ty Anaranao zaho. ⁵Zay le manahaky ty hany nisy tsoka noho tsabora; amy ty sony falifaly ro hanompoako Anao, ⁶lafa mieritseritsy ty mikasiky Anao an-kitrely eo zaho le mandiniky Anao lafa haly. ⁷Fa namonjy ahy Iha , sady amy ty elatsinao ro ifalifaliako. ⁸Hipitiky aminao zaho; mitoha ahy ty tananao ankavana. ⁹Fa azy mikinia hanimba ty fiainako le hijotso amy ty tapany ambany mare amy ty tany; ¹⁰hasesy amy ze mampiasa ty mesobe an-tanandrozy rey eo, le hanjary hany hoahy ty alika ly ndrozy. ¹¹Fa ty mpanjaka hifaly amy Ndranahary; ty olo iaby ze mifanta Taminy le hirengirengy Aminy, fa ty vava ze mivola vandy le himontso.

Chapter 64Hoahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida.

¹Janjino ty feoko, lahy NDrinahary, janjino ty toreoko; embeno amy ty fahavaka ty fahavaloko ty aiko. ²Avonio amy ty hevitsy ty mpanao raty zaho, amy ty korakoraky ty mpanota. ³Fa niranitany ty lalany manahaky ty mesobe ndrozy; fa nanennja ty kititsiny ndrozy, ty safa mafaitsy, ⁴mba hahaizandrozy mitifitsy olo ze tsy mana hadisoa baka amy ty toera mivony; sady tafirindrozy tampoky sady tsy mavaka ndra ino ndra ino. ⁵Le nankahery ty vatany tamy ty hevitsy raty ndrozy; niaraky nivory mangiky mba hametraha azy fandriky rey; hozao tiasandrozy: "Ia va ro hahita antsika?" ⁶Namoro hevitsy raty ndrozy; "Fa vitanay," hoasandrozy,"azy hevitsy fa vita lamy." Ty anay ty eritseritsy ty fo ty olo le laliky. ⁷Fe Ndrinahary hikinia androzy; haratsy ty kititsy ndrozy. ⁸Halemy ndrozy, safe ty lelandrozy avao ro hanohitsy androzy; ze iaby mahita androzy le hanodakodaky ty lohany. ⁹Havaka iaby ty olo sady hanambara ty asa bevatan-Drinahary. Hieritseritsy amim-pahendrea ze fa nanoviny ndrozy. ¹⁰Ty to le ho faly amy Yaveh sady hialoky aminy ao; ty mahity am-po iaby le hirengirengy Aminy.

Chapter 65Ho ahy ty mpihira. Salamo.

¹Hira i Davida. Ho ahinao, NDrinahary a Ziona, ro andinasa ty vavakinay; hanatanteraky ty voadinay Aminao zahay. ²Iha ze mijanjy ty vavaky, ho avy aminao ty nofotsy iaby. ³Hadisoa rey handresy antsika; laha ty tsy fanoriha lalantsika le hanisy rey Iha. ⁴Sambatsy ty olo ze nitingy hanariky Anao mba hahaizany mivelon' amy ty kianjanao. Le ho afa-po amy ty hasoa ty tranonao, ty fiangonanao masy zahay. ⁵Amy ty fahamarina ro hamalianao anay amy ty fanaova raha mahatseriky, lahy Ndrinahary ty famonjea anay; Iha ze tompo ty tany iaby noho ze lavitsy ty riaky. ⁶Fa iha ro nahasoa petraky ty vohitsy, Iha azy manao ty fehin-tsarotso amy ty hery. ⁷Iha azy mampitsy ty feo ty riaky, ty fierotsy ty fitopany, sady ty korakoraky ty olo. ⁸Azy mipetraky amy ty fara ty tany le mavaka amy ty porofo ty asanao; Iha ro mampifaty ty antinana noho ty andrefa. ⁹Avy hanavotsy ty tany Iha; tondrahanao zay; sady ampitomboanao mare; atsiky rano ty ranon-Drinahary; manday voa hoahy ty olombelo Iha lafa baka niasa ty tany. ¹⁰Nanondraky rano amy ty tany niasa rey Iha; nametraky ty sisiny ty tany niasa rey Iha; nampalemy zay tany ty ranon'ora Iha; niaro ty tsiry amy ndrozy rey Iha. ¹¹Longofanao amy ty fahasoavanao ty tao; ay lala amboary ty kalesinao le mite tsiro ty tany. ¹²Azy akata anefitsy rey le mite ando, sady vohitsy rey le milomboky fifalia. ¹³Atsiky aondry noho ty aosy ty tany fihinanany akata; atsiky voa avao koa azy baibo rey; mikoraky fiafalia rey, sady mihira.

Chapter 66

¹Ho tiahy mpihira.Hira Salamo¹ Manaova korakim-pifalia ho tiahy Ndragnahary,the tang iaby; ²Mihira mare ty voninahitsy ty anarany ;romeo voninahitsy th vanompoany³Volano hozao Ndragnahary: "Ho le mampatohotsy ty manao!amy the hahabe ty herinao ro hanenkea ty fahatelo Anao. ⁴Ty tany iaby mpanompo Anao sady nihina ho Ahinao; hihira ho ahy ty Anaranao ndrozy." Sela⁵Avia hanenty ty asan-Dragnahary;mahatahotsy Ie noho ty asany bevata amy anak'olombelo. ⁶Namaliky ty raiky ho tany maiky Ie; le nanamakivaky any rano iny an-tomboky ndrozy; tany mahay ro nifalifaly taminy. ⁷Mandily amy ty hearing mandrakizay Ie; Mieritseritsy firenea rey ty masonry; mba tsy hanondrotsy ty farany imagery laha rey. Sela⁸Manomeza frisaora Ndragnahary,nareo ry olo, mba ho re lahy ty feo ty fanompoa Azy. ⁹Ie ro manampy antsika amy ty velo, sady tsy mnenga ty tombotsika hibolatitsy Ie.¹⁰Fa Iha, lahy Njanahary, ro fa nitsapa anay manahaky ty fitsapa volafoty Iha. ¹¹Nanday anay tanaty harato Iha; nanenga enta mahavesatsy tambalahanay eo Iha. ¹²Fa nanao ty olo hanitsaky ty lohanay Iha; nanapatapaky afo noho rano zahay, lafa nampiboaky anay ho amy ty toera malalaky any Iha. ¹³Hilitsy an-tranonao amy ty fanday oroa ao zaho;ho soloako Aminao voadiko rey ¹⁴ze nampitamany ty soniko ho ty nivolany ty vavako tamy zaho mbo tanay fijalia. ¹⁵Hanome Anao fanday oroa biby nihare miaraky amy ty hanitsy ankasitraha baka amy ty aondry lahy zaho; hanome aomby lahy noho aosy lahy zaho. Sela¹⁶Mamonjea sady mijanjina, nareo iaby ze matahotsin-Janahary,sady ho volaniko ze fa nanoviny ho ahy ty fanahiko. ¹⁷Nikaiky Azy tamy ty vavako zaho, sady nitompoa tamy ty lelako Ie. ¹⁸Laha nahita ty fahadisoa tanaiko ao zaho, le tsy mba hijanjy ahy ty tompo.¹⁹Fa mahare vatany Njanahary;fa niamby ty feo ty fivavahako Ie. ²⁰Isaora lahy Njanahary e, ze tsy nanda ty fivavahako na ty fanenkeany matoky tamiko

Chapter 67

¹Ho ahy ty mpihira; ampiaraha amy ty valiha. Salamo ,tonon-kira. Njanahary lahy namalo fo tamitsika le hitahy antsika sady hampipiriaky ty tarehiny amitsika Sela ²mba hahaiza ty lalanao anabo ty tany eto, ty famonjeanao amy ty firenena eo iaby.³Engao ty olo hanompo anao, nao lahy Njanahary e; enganie ty olo iaby hanompo Anao.⁴Hentao firenena reo falifaly noho hihira fifalia, fa hitsara ty olo iaby amy ty fahitia Iha sady hanapaky ty firenana anabo ty tany eto. Sela⁵Enganie ty olo hanompo Anao, nao lahy Njanahary e; enganie ty olo iaby hanompo Anao. ⁶Ty tany fa namoa ty vakatsiny sady Njanahary, Njanaharinay ro nitahy anay.⁷Njanahary fa nitahy anay,sady ty kilan-tany iaby manome voninahitsy Azy.

Chapter 68Ho ahy ty mpihira; salmo nanovy Davida, tonon-kira.

¹Engaho hitsanga Njanahary; engaho fahavalony reo hiparitaky; engaho avao koa malay azy rey hilay tsy ho anilany eo. ²Manahaky ty bsetroky miparitaky,ro hampiparitahy androzy; nanaky ty savoky atsanaky anay ty afo, ro engaho handrava ty raty fanahy amy ty fiatreha an-Janahary eo. ³Fa engao koa ty olo-to ho faly; enganie ndrozy hifaly anilan-Janahary eo; hifalifaly lahy rozy rey le vatany faly. ⁴Mihira ho ahin-Njanahary! mihira fanompoa hoahy ty anarany! Tompo`Azy mandeha manapatapaky tany mando ty baibon-driaky Jordana reo! Yaveh ro anarany! Mifalia anilany eo! ⁵Baba ty kamboty, mpitsara tsy manambaly reo, azy Njanahary amy ty fipetraha masy any. ⁶Njanahary mampipetraky ty raiky ho amy ty longony, andesiny miboaky an-kira ty gadra; fa ty maheriloha mipetraky amy ty tany maiky any. ⁷Nao lahy Njanahary e, laha niboaky tanila ty olo lakonao teo Iha, lafa nandeha nanapatapaky ty tany lavitsy Iha, Sela ⁸Le nangitikitiky ty tany; ty lanitsy avao koa ni- te ora tamy ty fiatrehan-Janahary, tamy ty fanatrehan-Janahary lafa avy ta Sinay any Ie, tamy fiatrehan-Janahary, azy ty Njanahary Israely. ⁹Iha, lahy Njanahary e, ro nandefa ora lako; Iha ro nampatanjaky ty lovanao lafa vozaky zay. ¹⁰Mipetraky ao ty olo lako nao; Iha, Njanahary, nanome ty mijaly tamy ty hasoanao. ¹¹Ty tompo ro nanome didy rey, sady miaramila maheryndrozy ze nivola zay. ¹²Nilay mpanjaka ty miaramila rey, nilay ndrozy, sady nizara ty fandrava ampela nandiny tan-trano ao rozy: pizon atsiky volafoty noho elatsy volamena zony. ¹³Lafa nipetraky tamy ty valan'aondry ty ilany olo lako rey, le nanino nareo ro manao ho zay? ¹⁴Nampiparitahany azy Tsitoha tany ty mpanjaka, tamy zay nisiasy ty oram-panala tamy ty vohitsy Zalmona. ¹⁵Vohitsy mahery ro tany vohitsy i Basana; vohitsy abo ro tany vohitsy Basana. ¹⁶Nanino iha ro manenty am-paniria, iha lahy tany vohitsy, anabo ty vohitsy ze tean-Janahary ho toera hipetrahany? Hipetraky ao zisiky farany vatany Yaveh. ¹⁷Roa aly kalesan-Janahary rey, mandilatsy ty arivo ty analiny; amindrozy eo ty fitoera masy, manahaky ty tany Sinay ty Tompo. ¹⁸Nandilatsy ty abo Iha; nandesinao gadra rey; nandramby fanomeza baka ty olo rey Iha, eka fa ndra ze baka nialy taminao aza, mba hipetraky any, Iha, lahy Yaveh Njanahary. ¹⁹Isaora lahy ty Tompo, ze manday ty entantsika saky sanandro, azy Njanahary ze famonjea ho antsika. Sela ²⁰Ty Njanaharitsika le Njanahary manavotsy; mahay manavotsy antsika ty tompo Yaveh amy ty fahafatesa. ²¹Fa Njanahary le hamango amy loha ty vahavalony rey, amy ty volondoha ze mandeha amy ty tsy fanaraha ty lala`na manohitsy Azy rey. ²²Hozao ty tompo hoe: "Handesiko mimpoly baka Basana any vahavaloko rey; handesiko mimpoly baka an-daliky ty riaky iny ndrozy ²³mba hahazanao manorotoro ty fahavalonao, mampijobo ty tombonao amy ty lio, noho mba hahaza ty lela ty alikanao rey hana ty anjara amy fahavalonao rey." ²⁴Fa nahitaky ty filaharanao zaho, Njanahary o, le filahara ty Njanahariko, mpanjakako, amy ty fitoera masy ao. ²⁵Mphira rey ro handeha voalohany, manoriky zy ty mpititiky valiha, sady tanivony ty somondrara tsy mana-mbaly mibeko amponga tampaky. ²⁶Isaora Njanahary amy fiangona ao, tompo` Yaveh, nareo ty tena tariaky Israely. ²⁷Misy ty voalohany le i Benjamina, azy foko biby, manoriky rey mpitariky Jodan noho ty mpanoriky androzy, mpitariky Zebolona noho mpitariky tiahy Naftaly. ²⁸Ty Njanaharinareo, lahy Israely, le fa nandily ty tanjakinao, Njanahary o, manahaky ty nampitoroanao azy tamy fotoa fa la ela. ²⁹Ampanentao anay baka amy ty fiangona a Jerosalema ao, ze anesea ty mpanjaka fanomeza ho Tiahinao, ty herinao. ³⁰Mikoraha` amy ty aly hanohitsy bibily`anty ty volotara, hanohitsy olo rey, ty halako ty aomby lahy noho ty anak'aomby zao. Vonjeo ndrozy sady ampanandesao fanomeza; aparitaho aazy olo tea mila aly rey. ³¹Mpanajaka ro ho avy baka Egypta; i Etiopia malisa hanampatsy ty tanany ho amy Njanahary. ³²Mihira hoahy Njanahary, nareo fanjaka ty tany; Sela Mihira hoahy Yaveh. ³³Ho tiazy ze miakatsy amy ty lanitsy ty lanitsy, ze nisy baka amy ty fotoa fa ela; ingo Ie manandrotsy ty feo amy ty hery. ³⁴Enkeno ho ahy Njanahary ty hery; tiahy Israely ty voninahitsiny, sady an-danitsy eny ty heriny. ³⁵Njanahary o mampatahotsy Iha amy ty fipetrahanao masy any; azy Njanahary ty Israely - manome hery noho hatanjaha ho tiahy olony Ie. Isaora lahy Njanahary.

Chapter 69

¹Ho tiahy mpihira, anovo shoshan-nim. SALamo nanovy Davida. Vonjeo zaho, Njanahary lahy; fa nanovy ty ranohasia ty loza avao ty fiainako. ²Milentiky anay ty fotaky mifandrotaky zaho, ze tsy misy toera hitsangana; anay ty rano laliky zaho, ze andalova ty ranobe. ³Kivy amy ty fitoreovako zaho; maiky ty tendako; tsy mahaligny amy fandignasa an-Janahariko ty masoko. ⁴Le vatany lako mandilatsy ty volo an-dohako eo azy malay ahy amy ty raha tsy misy dikany; le mahery; ze tsy nangariko mihintsy, le tsy maintsy ampoliko. ⁵Njanahary o, hainao ty hagegeko, sady tsy mivony anao ty hadisoako. ⁶Enganie rozy ze mandiny anao rey tsy ho menetsy noho zaho, ry Tompo Yaveh tompoa ty lako; enganie zemila Anao tsy ho avy amy ty fahafaham-baraky noho amiko, ry Njanahary ty Israely. ⁸¹⁰Lafa nitomany zaho le tsy telin-kany, le tsy nampisy dikany ahy ndrozy. ¹¹Lafa nanaoviko siky fisaonana ty salotsiko, le nanjary zaho avao ro resafin-drozy. ¹²Mivola ze mikasiky ahy rozy ze mipetraky amy ty vavahady ty tana; fihira ty mamolava rey zaho. ¹³Fa laha zaho e, le ho Ahinao ty fivavahako, lahy Yaveh, amy ty fotoa ze hanenkeanao; valio amy ty fahamendreham-pitokia ty famonjeanao. ¹⁴Tariho baka amy ty fotaky, sady ka engahanao hilentiky zaho; enganie zaho ho voasitaky lavitsy reo zemalay ahy le ho voavonjy baka amy ty rano laliky. ¹⁵Ka engao handentiky ahy ty ranobe, ndra ty laliky whitely ahy. Ka engao handily ty vatany tamiko eto ty lavaky. ¹⁶Valio zahi, lahy Yaveh, fa soa ty fanenkeanao mahatoky; safé manao fiferinainao tamiko, mitoliha amiko atoy. ¹⁷Ka manetaky ty vatany amy ty mpanomponao, fa anay ty fahoria zaho; valio malaky zaho. ¹⁸Mijotsoa amiko le vonjeo zaho. Amy fahavalonao rey, Idaho zaho. ¹⁹Hainao ty tsy fanisia dikany ahy, ty henatsiko, sady ty fanalam-baraky ahy; miatriky Anao iaby fahavalonao rey. ²⁰Nampary ty foko sotraky rey; atriaky havesara zaho; mila olo hiferinay zahi, fe tsy misy; nila mpampahery zahi, fe tsy nahitaky. ²¹Namean-drozy point zaho ho haniko; tamy ty zaho narandrano le vinaigira ro namen-drozy. ²²Enganie mba January fandriky ty latabo Alohan-drozy eo; lafa kandinsky ndrozy fa mipetraky tsy marikariky, enganie zay ho hanjary fandriky. ²³Engaho ty mason-drozy ho maiky le tsy hahitaky; le anivo mihozongozo avao lambosin-drozy. ²⁴Akororoho Amin-drozy ty helokinao, sady engaho ty anaky ty helokinao hanzo androzy. ²⁵Mba tsy hisy ty fipetrahan-drozy; ka engao hisy hipetraky amy ty lainy ao. ²⁶Fa magnindy maré ze nasianao ndrozy. Nampipolipoly ty faharia ze voaratsinao rey ndrozy. ²⁷Nasaran-drozy no nahavita hadisoa nampia hadisoa; la engà ho avy amy ty fandreseanao to ndrozy. ²⁸Enganie ndrozy mba ho voafotsy amy ty boky ty fiainana sady tsy ho voasoratsy amy ty boy ty olo tò. ²⁹Fe mijaly sy malahelo zaho; le enganie ty famonjeanao, lahy Njanahary, hametraky ahy amy ty anabo. ³⁰Hanompo ty anaran-Janahary amy ty hira zaho sady hanondrotsy azy amy ty fisaòra. ³¹Ankahasitraha Yaveh soa mandilatsy aomby noho ty aomby lahy manan-tsifa noho kitro zay. ³²Fa nahitaky zay ty soa fanahy le faly; Iha ze mila an-Njanahary, enganie ty final mba ho velo. ³³Fa Yaveh mahare ty mijaly sady mampisy dikany ty gadrany. ³⁴Enganie ty lanitsy noho ty tany hanompo Azy, ty riaky noho ze raha iaby mihetsiketsiky Aminy ao. ³⁵Fa Njanahary hanavotsy ziona sady hamboatsy ndraiky ty tana i Joda; hipetraky ao ty olo le hanao zay ho fananany. ³⁶Tariaky ty mpanompony reo ty handova zay; sady rey ze tea ty Anarany le hipetraky ao.

Chapter 70

¹Ho ahy ty mpihira. Salamo nanovy Davida; mba handay ho amy ty fahatiarova. ²Vonjeo zaho, lahy Njanahary! Yaveh o, miavia malaky le afaho zaho. Enganie reo ze mikinia ty aiko ho menatsy sady ho afa-baraky; enganie ndrozy rey henga`noho ho avy amy ty fahafam-baraka, rey ze manitsa amy ty faharariako. ³Engaho ndrozy henga amy ty henatsin-drozy, reo mivola hozao: " Aha, aha." ⁴Enganie ze mila Anao iaby ho hazoto noho ho falifaly aminao ao; enganie ze tea ty famonjeanao hivola zisiky amparany hoe: "Hotompoa lahy Njanahary." ⁵Fe mijaly sy mahantra zaho; malaky amiko, Njanahary lahy; Iha ro vonjy ho tiahy sady mnavots ahy. Yaveh lahy, ka ela.

Chapter 71

¹Aminao ao, lahy Yaveh, ro hialofako; ka enganao ho menatsy mihintsy zaho. ²Vonjeo zaho sady enganie hipetraky tsy ho marikariaky amy ty ha to'nao; ahorirano amiko ty sofinao le afaho zaho. ³Meteta ho lafiam-bato fialofa ho ty ahy soa mba ahaizako mandeha; fa nanome baikoa hanafaky ahy Iha, fa Iha ty lafiam-bato noho batery fiarova ho ty ahy. ⁴Vonjeo zaho, lahy Njanahary, amy ty tana ty raty fanahy, amy ty tana ty tsy to'noho loza lako. ⁵Fa iha ro antenako, lahy Tompo yaveh. fa nitama anao avao zaho tamy zaho mbo ni-aja. ⁶Nankina taminao zaho liany baka an-troky any; Iha ro ie nangalaky ahy baka an-troky ty reniko ao; ho amiano avao ty fanompoako. ⁷Fitaratsy ho ahy ty olo lako zaho; Iha ro vatany fialofako. ⁸Ho atsiky ty fanompoa nao ty vavako, ty tontolon'andro amy ty vonunahitsinao. ⁹Ka manary ahy amy ty fahantera; ka mahafoa ahy lafa kivy ty heriko. ¹⁰Fa mivola ty momba ahy fahavaloko reo; reo ze mitinga ty aiko miharo hevitsy raty. ¹¹Hoasan-drozy: "Nahafoy azy Njanahary; hindigno ie sady alao, fa tsy misy olo hanavotsy azy." ¹²Njanahary lahy, ka manalavitsy ahy; Njanahary lahy, malaky hanavotsy ahy. ¹³Engaho ndrozy ho menatsy noho ho rava, reo ze atriaky fankahala amy ty fiainako; engaho ndrozy ho atriaky sotrazy noho ty fahafaham-baraka, reo ze mila ty fahavoazako. ¹⁴Fa le zaho avao mitama Anao sanandro sady hanompo Anao avao. ¹⁵Ty vavako hivola mikasiky ty ha to nao noho ty famonjeanao ntontolon'andro, ndra tsy takatso aza zay. ¹⁶Ho avy zaho amy reo asa ty tompo Yaveh; hivola ty ha to nao zaho, ty Ahinao raiky. ¹⁷Njanahary lahy, fa nampiantsy ahy Iha zisiky fahatorako; zisiky zao aza le mivola asanao mahatseriky reo zaho. ¹⁸Eka vatany fa ndra antitsy noho foty volo aza zaho, Nja nahary lahy, le ka magnalino ahy, safe fa nampaihay ty herinao tamy ty tariky doria zaho, ty fahefanao tamy ze ho avy aiby. ¹⁹Ty hato anao avao koa, Njanahary o, le vatany anabo; Iha ze nanao ty raha bevata, Njanahary o, ia ty manahaky anao? ²⁰Iha ty manatoro anay ty fijalea mare biby lako ro hamelo anay noho hanondrotsy any baka amy ty tany laliky ndraiky. ²¹Hanampy ty voninahitsinao lahy Iha; mitoliha ndraiky le ampaherezo zaho. ²²Hanesy fiasaora ho ahinao koa zaho amy ty lokanga mikasiky ty fahasoavam-pitokisa anao, ry Njanahariko; ho Tiahinao ro hihirako fanompoa amy ty lokanga, ry Azy Masy ty Israely. ²³Hanompo ty soniko lafa mihira fanompoa ho Ahinao zaho- ndra ty fanahikoa aza, ze fa novonjeanao. ²⁴Hivola ty mikasiky ty ha to-nao sanandro lava ty lelako; fa nomenarindrozy sady very hevitsy ,reo ze mitalia ty fahavoazako.

Chapter 72

¹Salamo nanovy Salomona. Omeo ty mpanjaka rey lala`nao to, Njanahary e, ty ha-to-nao ho tiahy anak'ilahy ty mpanjaka. ²Hitsara ty olo amy ty ha-to lahy e ie sady ty mijalinao amy ty fahitia. ³Hamo a fiadana ho tiahy olo lahy reo vohitsy; hamoa ha-to lahy vohitsy reo. ⁴Hitsara ty mijaly amy ty olo lahy ie; hanafaky reo anaky ty mijaly lahy ie le handrava ty mpanerisery. ⁵Hanome voninahitsy anao lahy ndrozy laha mbo eo avao ty mahasoandro, sady laha mbo maharitsy koa ty vola heniky ty tariky hisolo iaby. ⁶Hilatsaky manahaky ty ora amy ty akata notampahy lahy ie, manahaky ty ora latsaky ze manondraky ty tany. ⁷Hamo a amy ty fotoany lahy ty olo -to, sady hisy fidana bevata lahy zisiky tsy hampisy ty vola. ⁸Ie lahy ro hana fanapaha amy ty riaky handeha amy ty riaky. ⁹Handohaliky anatrehany eo lahy reo mipetraky any amy ty tany lavitsy; hileleky lemboky lahy fahavalony rey. ¹⁰Mpanjaka ty Tarsisy rey noho ty tiahireo nosy lahy handoa haba; mpanjaka i Sheba noho Seba lahy hanolotsy fanomeza. ¹¹Le hiravoky alohany eo vatany lahy mpanjaka reo iaby; le hanompo azy lahy ty firenena iaby. ¹²Fa nanavotsy ty olo mijaly ze mitoreo noho ty olo mijaly ze tsy mana mpanavotsy hafa ie. ¹³Mamalo fo amy ty mijaly noho ty sahira ie, sady manavotsy ty ay ty olo mijaly. ¹⁴Manonjy ty ain-drozy amy ty fampijalea noho heriloha ie, sady sarotsy amy ty masony ty lion-drozy. ¹⁵Ho tsanaky lahy ie! Hamoa Azy lahy ty volamena sheba. Hivavaky ho tiaha avao ty olo; hitahy azy sady sanandro lahy Njanahary. ¹⁶Ho lako ty vokatsy ty vary amy ty tany lahy; amy ty anabo ty vohitsy lahy h hisy fambolean-drozy. Manahaky ty ahy Libanona lahy ty vokatsy zay; hamoa manahaky akata ty baiboho lahy ty olo an tana`ao. ¹⁷Haharitsy zisiky amparany lahy ty anarany; haharitsy manahaky ty mahasoandro lahy ty anarany; ho tahia aminy ao lahy ty olo; hikaiky aazy hoe sambatsy ty finenena iaby. ¹⁸Isaora lahy Yaveh Njanahary, azy Njanahary Isaraely ze Ie raiky avao ty nanao raha mahatseriky. ¹⁹Isaora mandrakizay lahy ty anara ty be voninahitsy, sady le ho atsiky ty vonahitsiny lahy ty kila tany iaby. Amen le Amen. ²⁰Tampitsy ty vavaky Davida anaky lahy i Jese. fahatelo ty boky

Chapter 73

¹Salamo nanovy Asafa. Azo tamany vatany fa Njanaharyy le soa ho ahy Israely, ho tiahy malio fo rey. ²Laha zaho aloha, le saiky nibolisatsy ty tomboko; ³saiky lavo ty liako safe nagniry ty mirengirengy zaho lafa nahitaky ty fahasoava ty raty fanahy. ⁴Fa tsy mijaly ndrozy zisiky ty hifatesany, fa le mahery noho fahana soa. ⁵Afaky ty enta mahavesatsy ty lahilahy hafa ndrozy; tsy mba mijaly manahaky ty olo hafa. ⁶Ravahan-drozy manahaky ty ravaky amy ty vozony ty firengerengea; ty heriloha sikininy manahaky ty siky. ⁷Baka amy ty hajiky manahaky zay ro hiboaha ty hadisoa; manapatapaky ty fon-drozy ty vetsivetsy raty. ⁸Mandraty nnnnoho mivola raty ndrozy; amy ty fiavonavona ro anorohoroandrozy fampijalia. ⁹Ampanoherin-drozy ty lanitsy iny ty vavany, sady manapatapaky ty tany ty lelan-drozy. ¹⁰Lafa zay le mitoliky amin-drozy ty olony le rano lako ro voavory. ¹¹Hozao tiasan-drozy: "Amy ty ino ro ahaiza Anjanahary? Vasa misy fahalala amy ty Anabo Biby?" ¹²Diniso: reo olo reo le raty fanahy; tsy miasa say saky sanandro ndrozy rey, manjary mpagnarivo, le mpagnarivo. ¹³Le raha tsy misy dikany ty niambenako ty foko noho tynisasako tana tany ty tsy fanana hakeo. ¹⁴Lafa nampijalia saky sanandro sanandro zaho sady nosaazia saky maray. ¹⁵Lafa nivola hozao zaho: "Hambarako raha reo," le fa nivaliky toy tariky limbiasa toy ty anakinao zaho. ¹⁶Ndra zay aza le niezaky nitakatsy raha rey zaho, le vatany sarotsy tamiko anefa zay. ¹⁷Le nandeha tany fipetraha masin-Janahary zaho le avy nahay ty nahazo an-drozy. ¹⁸Napetrakinao tany ty toera madoso vatany ndrozy; nambanianao tany faharava ndrozy. ¹⁹Tselatsela le fa nanjary efitsy ndrozy! Niavy tany faharava ndrozy le niafara amy ty horohoro mampangaroharo. ²⁰Manahaky ty nofy afara ty fifohaza ndrozy; Tompo lahy, lafa miary Iha, le tsy hametsivetsy ndra ino ndra ino amy nofy rey. ²¹Fa nalahelo ty foko, sdy nandratsy mare zaho. ²²Tsy nahay zaho sady tsy lalin-tsay; manahaky ty biby tsy misy ila azy zaho miatsiky Anao. ²³Nefa zahho miaraky aminao avao; mitanjaky ty tanako anakavana Iha. ²⁴Mitao ahy amy ty torohevitsinao Iha sady afara zay le handramby ahy amy ty voninahitsy. ²⁵Mana ania laha tsy Iha moa zaho an-danitsiny any? Tsy misy teako laha tsy Iha anabo ty tany etoy. ²⁶Miha kivy ty nofitsiko noho ty foko, mandrakizay Njanahary. ²⁷Ho tranaky ze lavitsy Anao rey; ho ravanao ze tsy matoky Anao. ²⁸Fa laha zaho, ty raha tokony anoviko le mamonjy an-Janahary. Fa nanao ty Tompo Yaveh ho alokako zaho . Hambarako iaby ty asanao.

Chapter 74

¹Maskila nanovy Asafa. Njanahary lahy, nanino Iha nanda` any mandrakizay? Nanino ro le masiaky amy ty aondry ty fihinana akata ty helokinana? ²Tiarovo ty olonao,ze nihiagninao tamy fa ela, ty foko ze fa navotanao mba ho lovanao raiky,noho ty vohitsy Ziona, ze ipetrahananao.³Miavia hanenty ty faharava vatany,ty fahasimbany iabyze nanovy ty vahavalo tamy fitoera masy. ⁴Mierotsy amy ty fotoa voatinginao rey fahavalonao; manenga ty say ty aliny. ⁵Nanapatapaky amy famaky manahaky ty ala lako ndrozy. ⁶Namopipotiky noho nandrava sarisary iaby; novakin- drozy tamy famaky noho tan-tana.⁷Noroan-drozy ty fitoera masinao; nivazavaza ty fipetrahananao, mnadravoky zay amy ty tany. ⁸Hoizao asan-drozy mivola anay: " Iaby rey ho ravanay." Noroan-drozy iaby ty fipetrahananao iaby tamy ty tany.⁹Tsy mahitaky famantara sasy zahay; tsy misy mpaminany sasy, sady tsy misy aminay mahay ze fahareta zay. ¹⁰Zisiky ombia, lahy Njanahary,ro handefan-drozy fahavalo ziva aminao any? Vasa hivola raty ty Anaranao mandrakizay va ndrozy? ¹¹Nanino iha ro mitanjaky ty tananao, le ty tananao anakavana? Apotaho anay ty sikinao ty tananao ankavana le ravao ndrozy.¹²Kanefa njanahary le mpanjakako fa ela ,manday faonjea amy ty tany. ¹³Iha ro nampisaraky ty riaky tamy herinao; Iha ro nampotipoky ty loha ty drago ty riaky tanay ty rano.¹⁴Iha ro namotipotiky ty loha ireo levitana; Iha ro namaha aazy ho amy ty velo rey ta an'efitsy. ¹⁵Iha ro nampiboaky loharano noho renirano;Iha ro nitsitsiky ty rano mandeha.¹⁶Ahinao ty andro, sady ahinao avao koa ty haly; Iha ty nametraky ty mahasoandro amy ty vola amy ty petrakiny. ¹⁷Iha fa nametraky ty kilan-tany iaby; Iha fa nanao ty fahavaratsy noho ty hasotry.¹⁸Tiarovo ty fomba nivazavaza ty vahavalonao, lahy Yaveh, sady rey olo gegy ze fa nivola raty ty anaranao. ¹⁹Mba ka ametraky amy ty bibi-ly ty ay ty pizon-nao. Ka halino ty ay ty olo nampijalea mandrakizay rey.²⁰Tiarovo ty fifanarahanao, fa ty toera maiky amy ty tany le atsiky ty fitoboha ty mahery loha. ²¹Mba ka enga`himpoly amy ty henatsy rey nampijalea; engaho hankalaza ty anaranao ty mahantra noho ty nampijalea.<sup>22</sup>Miongaha`, lahy Njanahary; embeno manoka ty voninahitsinao; tiarovo ty fomba nivazavaza ty gegy Anao sanandro sanandro zao. ²³Ka halino ty feo ty mpialy aminao rey ndra ty korakoraky ty ze mila aly tsy ankieny Anao rey.

Chapter 75

¹Ho ahy ty mpihira; anovo Al-Tashheth. Salamo nanovy Asafa, tonon-kira. Fisaora ro ameanay Anao, lahy Njanahary; fisaora ro asesinay, safe nanambara ty fiatehanoa Iha; ty ol mivola ty asanao mahatseriky. ²Hitsara ty mahity Aho amy ty fotoa voatingy. ³Ndra hangitikitiky amy ty tahotsy aza ty tany noho ty olo mipetraky iaby, le feferako ty be ty tany rey. ⁴Hozao tiasako amy ty mpiavonavo hoe: "Ka miavonavo," sady amy ty raty fanahy hoe: ⁵"Ka manondrotsy ty tsifa. Aza manondrotsy ty tsifanao amy ty anabo; ka mivola amy ty hatoky mpanam-bany." ⁶Tsy baka an- tinana zay ndra baka andrefa, sady mbo tsy baka amy ty tany an'efitsy avao ro niavia ty fisondrota zay. ⁷Fa Njanahary ro mpitsara; Ie ro manam-bany sady Ie ro manondrotsy. ⁸Fa Yaveh nitanjaky ty kapoaky ty divay mandrovo, ze naharoa ty hanitsy, sady mampikororoky zay. Hino zay baka amy ty kafony farany vatany ty raty fanahy iaby amy ty tany. ⁹FA laha zaho hivola baka may ze fa nanovinao; hihira fanompoa ho tiahy Njanahary Jakoba zaho. ¹⁰Hozao ty asany: "Hanapaky ty tsifa ty raty fanahy iaby zaho, fa ty tsifa ty olo mahity avao ro hasondrotsy anabo."

Chapter 76

¹Ho ahy ty mpihira, amy ty lokanga. Salamo nanovy Asafa, tonon-kira. ²Nampahay ty vatany ta i Joda Njanahary; bevata a Israely try Anarany. A Salema ao ty lainy; ziona ao ty fipetrahany. ³Tagny Ie ro nanapahaky ty ana- kititsy ty kititsy, ty fiaro, ty mesobe, sady fitaovam-pialia hafa. Sela⁴Mipiriaky ty hazavanao sady manambara ty voninahitsinao Iha, lafa mijotso baka amy ty vohitsy, amy ty namonoanao voam-boinao rey. ⁵Voasambotsy ty mahery fo; le tandre ndrozy. tsy afaky nanao akory ty mpialy iaby.⁶Tamy ty fivolananao mare, lahy Njanahary i Jakoba, le samby azon-droro ndra ty mpitikitsy ndra ty sovaly. ⁷Iha ,eka Iha, ro nahatahora; zay ty afaky hitsanga miatsiky anao lafa meloky Iha?⁸Baka an-danitsy ao ro nampandrenesanao ty fitsaranao; natahotsy noho nintsy ty tany ⁹lafa ingo Iha, lahy Njanahary, niongaky hanatanteraky ty fitsara noho hanafaky ze nampijalea iaby ty tany. Sela¹⁰Handay fanomppoa ho tiahinao vatany ty fitsaranao meloky amy ty olom-belo; tanjahinao ho tiahy vatanao ty ambiny amy ty helokinao¹¹Manaova voady amy Yaveh Njanaharinao sady tanjaho rey. Handay fanday ho ty Azy ze hatahora lahy ze iaby mihodidy Azy. ¹²Manapaky ty fanahy ty mpanjaka Ie; sady havaka ty mpanjaka ty tany.

Chapter 77

¹Ho ahy ty mpihira; noho ty fomba i Jedotona. Salamo nanovy i Asafa. Hikaiky an-Janahary mare amy ty feoko zaho; Hikaiky an-Janahary amy ty feoko zaho, sady hahare ahy Njanahariko.²Nitalia ty tompo zaho tamy ty anddro ty fijaliako; nanampatsy ty tanako zaho lafa haly, sady tsy nety vozaky reo. Tsy nety nampiono ty fanahiko.³Nametsivetsy an-Janahary tamy ty fisentoa zaho; lafa nanjary antitsy zaho le nametsivetsy ty mikasiky Azy. Sela⁴Nitanjaky ty masoko hanenty Iha; Mijaly vatany zaho lafa nivola.⁵Nametsivetsy ty fa ela zaho, fotoa iaby fa lilatsy reo.⁶Liany nankaly le nahatiaro azy hiara nahirako ndraiky mandeha iny zaho. Nametsivetsy soa zaho sady niezaky nitakatsy ze niseho.⁷Handa ahy zisiky amparany va ty Tompo? Tsy hatoky ahy sasy va ty tompo? Tsy hanakasitaraky ahy sasy va Ie?⁸Vasa tsy fa nandeha mandrakizay va ty fitiavany matoky? vasa tsy efa tampitsy mandrakizay ty fampitamaniny?⁹Ka NJanahary va fa nanalino ty maha mpamalo fo? Vasa ty helokiny fa nagnily ty fitsetrezam-pony? Sela¹⁰Hozao ty asako: "Zao ty alaheloko: le ty fiova ty tana ankavana azy Anabo biby mbamy tsika."¹¹Fa tiaroko asanao rey, lahy Yaveh; hametsivetsy ty asanao mahatseriky taloha reyzaho.¹²Hametsivetsy asanao iaby rey zaho le hieritseritsy rey.¹³Ty lalanao, Lahy Njanahary, ro masy; Njanahary ino moa ro mifanahaky amin-Jnanaharinay bevata?¹⁴Iha azy NJanahary ze nanao ty fahatsereha; fa nampitoro ty herinao tamy ty olonao rey Iha.¹⁵Nanome fandresea ty olonao tamy ty alala ty herinao bevata Iha- le tariky Jakoba noho Josefa rey.¹⁶Nahitaky anao ty rano, lahy Njanahary; nahitaky anao ty rano, sady vatany navaka; nangitikitiky ty laliky.¹⁷Nandatsaky ranonora ty rahona. ty lanitsy atsiky raho nampiboaky feo; Nivorotsaky ty kititsinao.¹⁸Ty feonao nangotroky le re ty amy ty tsioky; ty helatsy nanazava ty tany; nihovitsovitsy noho nihozongozo ty tany.¹⁹Tamy ty riaky mbeo ty lalanao sady ty lianao tamy ty rano lozoky, fe tsy talaky ty liatom- bonao.²⁰Nanday ty olonao manahaky ty biby hary tamy ty tana i Mosesy noho Arona Iha.

Chapter 78

¹Maskila nanovy Asafa. janjino ty fampianarako,lahy ty oloko, janjino safa aboaky ty vavako rey. ²Hamoha ty vavako amy ty fanohara zaho; hihira mikasiky raha mivony mikasiky ty taloha rey zaho. ³Reo le raha fa nirenay noho fa nianaranay, raha ze fa nivolany ty razambenay rey anay. ⁴Tsy hamony rey amy ty tarikiny zahay. hivola amy tariky misolo rey asa soa fanompoa nanovy Yaveh, ty heriny, sady raha mahatseriky fa nivitany rey zahay. ⁵Fa nametraky didy fanenkea tamy Jakoba Ie, sady nitingy lala`na tamy Israely. Nandily razam-benay rey Ie mba hampianatsy rey amy ty anakiny. <sup>6</sup>Nandily zay Ie mba hahazana-drozy tariky ty hisolo ty lala`ny, le rey anaky mbo tsy teraky aza, ze tokony hinasisy zay amy ty anan-drozy avao. ⁷Sady hanenga ty fanantenany amy Njanahary ndrozy le tsy hanalinoty asany, fa hidary ty lala`ny. <sup>8</sup>Le tsy hanahaky ty razambeny rey, ze mahery volany noho ty tariky ty mpialy, tariky ze tsy mba mahity fo, sady tsy nanome ty fanahiny noho nitama` tamy njanahary ndrozy. ⁹Efraimita rey le nanaday kititsy, fe tsy nihemotsy ndrozy tamy ty fotoa ty aly. ¹⁰Tsy nidary fanenkea tamy Njanahary ndrozy, sady tsy nanenky ty hasarota ty lala`ny. ¹¹Nagnalino asany rey ndrozy, rey raha mahatseriky ze fa nampitroanay azy ndrozy. ¹²Nagnalino ty raha mahatseriky rey ze nanoviny niatsiky ty razambeny rey, tamy ty tany Egypta, tamy ty tany Zoana ndrozy. ¹³Nampisaraky ty riaky Ie sady nanday androzy nanapatapaky zay; nanoviny nitsanga manahaky ty manda ty rano. ¹⁴Raho ro nitarihany androzy lafa midi, sady tamy ty afo mazava mazava lafa haly. ¹⁵Namaky lafiam-bato ty tany efitsy rey Ie,sady nanome rano lako mare androzy, ampy hanatreha ty lalaiky ty riaky. ¹⁶Nampandeha rano baka amy ty lafiam-bato Ie sady nanoviny nandeha manahaky ty ranobe zay. ¹⁷Nefa mbo nanohy nanao hadisoa taminy avao ndrozy, fialia tamy azy Anabo biby tan'efitsy. ¹⁸Nila aly amin-Janahary tamy ty fony ndrozy, tamy ty alala ty fangatah hany mba hahavintsy androzy. ¹⁹Nivola nanohitsy an-Janahary ndrozy; Hozao ty asan-drozy: "Afaky mamelatsy latabo ho ahinay an'efitsy vatany va Njanahary? ²⁰Ingo,lafa namaky ty lafiam-bato Ie, le nikororoky ty rano sady nidadada nandifotsy. Fe afaky nanome mofo avao koava ie? Hizara hena hoahy ty olo rey va Ie?" ²¹Lafa re Yaveh zay, le nimeloky Ie; le nandoro ahy Jakoba ty afony, sady nanisy ty Israely ty helokiny, ²²Safe ndrozy le tsy nino an-Janahary sady tsy natoky ty famonjeany. ²³Kay hondy nanily ty lanitsy anabo Ie sady namoha ty varavara ty lanitsy. ²⁴Nandatsaky mana manahaky ty ranonora Ie mba ho hanin-drozy Ie, sady nanome vary androzy baka an-danitsy. ²⁵Nihina ty mofo tiahy anjely ty olo. Nandefa hany maro biby hoahin-drozy Ie. ²⁶Nampitsioky ty tsioky baka an-tinana tamy lanitsy eny Ie, sady tamy ty heriny ro nandidiany ty tsioky baka an-timo. ²⁷Nandatsaky hena tamy ndrozy manahaky ty lemboky Ie,voro lako manahaky ty fasin-driaky. ²⁸Rey le nilatsaky tanivo ty vondron-drozy, mihodidy ty lainy iaby. ²⁹Le nihina ndrozy le vintsy. Nameany androzy ze nilany mare. ³⁰Fe mbo tsy afa-po avao ndrozy; ty haniny nefa mbo tsy teliny. ³¹Le nahazo androzy ty helokin-Janahary sady nahafaty ty matanjaky mare tamin-drozy. Namono ty pamaraky tiahy Israely Ie. ³²Ndra teo zay, le mbo nanao hadisoa vao ndrozy,sady tsy nino rey asa nahafinaritsy. ³³Lafa zay nanovin-Janahary fohy ty andron-drozy; sady atrikeyhorohoro ty tao-ny. ³⁴Ndra ombi ndra ombia nampijalian-Janahary androzy, le nanomboky nila Azy, sady nimpoly nila Azy mare. ³⁵Ho tiaron-drozy fa Njanahary ro lafiam-baton -drozy sady azy Njanahary Anabo mare ro mpamonjy azy. ³⁶Fe hanao safa malemy Aminy ndrozy sady havandy Aminy amy ty safan-drozy. ³⁷Safe ty fon-drozy mbo tsy namihy vatany taminy, sady ndrozy le tsy natoky ty fanekeany. ³⁸Fa Ie koa, amy vtyamaha mpamalo fo, le nanenga ty helon-drozy sady tsy nandrva androzy. Eka, matetiky Ie ro mitanjaky ty helokiny, sady tsy nampihetsiky ty helokiny iaby. ³⁹Tiarony fa ndrozy le namboary baka amy ty nofo, tsioky mandalo sady tsy mimpoly sasy. ⁴⁰Impiry moa ndrozy ro nila aly hanohitsy Azy tan'efitsy sady nampalahelo Azy tany amy ty tany mafy! ⁴¹Lila kinainay amy Yaveh zisiky amparany le nampalahelo azy Masy t'Israely. ⁴²tsy mba nieritreritsy ty amy ty heriny, ze nahafahany androzy tamy ty fahavalony ⁴³lafa nanatanteraky famantarany nampangitikitiky ta Egyta noho hatsereha rey tamy ty faritany tiahy Ziona. ⁴⁴Navaliky ho lio ty rano ty Egypta mba tsy hahafahan-drozy mino amy ty reniranony. ⁴⁵Nandefa vondron-dalitsy ze nampitrany androzy Ie sady saboketra ze niparitaky tamy ty tanan-drozy. ⁴⁶Nameany ty sopanga ty fambolean-drozy sady ty asany nameany ty valala. ⁴⁷Noravany tamy havanddra ty voalobokin-drozy sady ty amontany tamy havandra lako. ⁴⁸Nandatsaky havandra tamy ty biby harindrozy noho varatsy tamy aondry noho ty aosy Ie. ⁴⁹Namango anandrozy ty helokiny mare. Nandefa siaky, heloky,sady fijalea manahaky ty kopy mandday loza Ie. ⁵⁰Nanamary ty lala ho ahy ty heloky Ie; tsy niaro an-drozy tamy ty fahafatesa Ie; fe nanolotsy androzy tamy arety mandringa. ⁵¹Namono ty talan'olo lahilahy iaby ta Egypta Ie, ty veloha ty haterahan-drozy ta anay ty lay i Hama. ⁵²Nanday ty olo niboaky manahaky ty aondry Ie sady nitariky androzy tan'efitsy manahaky ty vondro ty aondry. ⁵³Nandesy am-pilamina ndrozy le tsy navaka, fa try riaky nandetiky ty fahavalony. ⁵⁴Sady nanday androzy tanila ty tany masy Ie, tamy ty vohitsy ze vohitsy azo ty tanany ankavana zay. ⁵⁵Nandroaky firenena talohan-drozy Ie sady niondro rey ho lovany. Nametraky ty foko ty Israely tan-dainy ndrozy Ie. ⁵⁶Fe nila kinainay noho tsy nanenky azy Njanahary Anabo biby ndrozy sady tsy nidary dily masy. ⁵⁷Tsy natoky

ndrozy sady nivaliky manahaky ty razany; vevy manahaky ty kititsy mandrio ndrozy.⁵⁸ Safe ndrozy nahameloky Azy tamy ty fipetraha anabon-drozy sady nila kinainay ty farahany tamy ty sampy. ⁵⁹Lafa nahare zay Najanahary, le nimeloky noho le vatany tsy nanenky any Israaely.⁶⁰ Nanenga ty fipetraha masy ta Silo Ie, le azy lay ze nipetrahanany tamy olo rey. ⁶¹Nanenga ty tanjakiny ho tratsy Ie, sady nanome ty voninahitsiny ho an-tana ty vahavalo. ⁶²Nanome ty olony ho azo ty mesobe Ie, sady meloky tamy ty lovany. ⁶³Ty afo nampitranaky pamaraky rey, sady somondrarany tsy mba nana hira fampiakara. ⁶⁴Maty ty mesobe mpisoro rey, sady tsy naha-fitany ndrozy mpanday ty vatan-drozy. ⁶⁵Bakeo le nifoha nanahaky ty baka niroro ty Tompo, manahaky ty mpialy mikorakoraky vokatsy ty divay. ⁶⁶Le nandroaky fahavalony rey Ie; sady nanenga androzy ho amy ty henatsy mandrakizay. ⁶⁷Tsy nenkeny ty lay ty Josefa, sady tsy nitingy ty foko ty Efraima Ie. ⁶⁸Ty foko ty JOda noho ty vohitsy ZIona tenay ro nitingininy. ⁶⁹Nanamboatsy ty fipetrahanany masy manahaky ty lanitsy Ie, sady manahaky ty tany ze fa namboariny mandrakizay. ⁷⁰Nitingy tiahy Davida, mpanompony Ie sady nangalaky azy baka an-trano ty aondry. ⁷¹Nangalaky azy baka amy ty tany ty fiaraha ty aondry rey vavy noho ty anany Ie, sady nanday azy ho mpiamby ahy Jakoba, olony, noho ahy Israely, lovany. ⁷²Nandigny androzy tamy ty fhitia ty fo i Davida, sady nanday androzy tamy ty fahaiza ty tanany.

Chapter 79

¹Salamo nanovy i Asafa. Njanahary lahy, firenena hafa ro fa niavy amy ty lovanao eo; fa nolotoan-drozy ty fiangonanao masy; fa nanao ahy Jerosalema fa noravaravan-drozy. ²Fa nanome ty faty ty mpanomponao rey ho hany ty voro ty lanitsy ndrozy, ty vata ty olonao mahity ho ahy ty biby ty tany. ³Fa nalatsan-drozy manahaky ty rano mihodidy ahy Jerosalema ty lion-drozy, sady tsy misy mpidary androzy. ⁴Nanjary fahafaham-baraky ho ahy namanay rey zahay, sotraky noho fihehea ho ahy rey ze mihodidy anay. Zisiky ombia avao, lahy Yaveh? Heloky anay mmandrakizay va Iha? ⁵Zisiky ombia ty helokinao farahy ro handoro manahaky ty afo? ⁶Alatsaho amy firenena ze tsy mahay anao rey noho amy rey ze fanjaka ze tsy nanao ty fikaiha amy ty anaranao amy ty helokinao. ⁷Fa nampitranaky ahy Jakoba noho nandrava ty tana-drozy. ⁸Ka mitanjaky ty fahadisoa ty razambenay hanohitsy anay; enganie ty asa ty famalozam-ponao ro ho avy aminay, fa le vatany siloky zahay. ⁹Ampeo zahay Njanahary ty famonjea anay, amy ty voninahitsy ty anaranao; vonjeo zahay sady engaho ty fahadisoanay noho ty anaranao. ¹⁰Nagnino firenana rey ro tokony hivola hozao:" Aia ty Njanaharin-drozy?" Enganie ty lio ty mpanomponao ze nalatsaky ro hikinia firenana rey anatreha ty masonao rey. ¹¹Engaho ty fisento ty gadra ro ho avy alohanao; amy ty hahabe ty fahefanao ro hitanjaky ty anaky rey fahafatesa ho velo. ¹²Valio im-pito heny am-pofoa ty firenana marikitsy anay mandilatsy ty fivazavaza ze fa nivazavazany Anao, lahy Tompo. ¹³FA zahay olonao noho ty aondrinao fiambenanao le hanesy fisaora Anao mandrakizay. Hivola ty fanompoa Anao amireo tariky iaby zahay.

Chapter 80

¹Ho ahy ty mpihira, nanovy tamy fomba i Al-Shoshanim-edoth. Salamo naovy Asafa. Mijanjina, lahy mpimby ty Israely, Iha ze nitariky ahy Josefa ho manahaky ty vondro ty aondry; Iha ze mipetraky anabo ty Kerobima, mipiriaky aminay! ²Miatriky ahy Efraima noho Benjamina sady Manase, ampiharo ty fahefanao ; miavia le afaho zahay. ³Njanahary lahy, ampolio zahay; ampiriaho aminay ato ty tarehinao, le ho afaky zahay. ⁴Ry Yaveh Njanahary tompoa ty maro, zisiky ombia Iha ro ho meloky amy ty olonao lafa mivavaky ndrozy? ⁵Iha fa namaha androzy tamy ty mofon-dranomaso sady nanome androzy ranomaso lako hinominy. ⁶Manao anay ho raha hifamalia ho ahy ty namanay aminay Iha, sady ty fahavalonay mihomehy ty momba anay amin-drozy eo. ⁷Ry Njanahary tompo ty maro lahy, ampeo zahay; ampipiriaho aminay ty tarehinao, le ho voavonjy zahay. ⁸Iha nanday voaloboky baka Egypta; le nandroaky rey firenana noho namboly zay. ⁹Manasa ty tany ho amy zay Iha; nitombo ty fotony zay le atriaky ty tany. ¹⁰Vohitsy rey le atsiky ty alokiny, Sederan-Janahary rey aloky ty tahony. ¹¹Naeliny zisiky amy ty riaky ty tahony rey sady ty sakeliny tamy ty Rano Efroata. ¹²Nagnino ro niravanao ty manadany mba hila ty ze mandalo iaby rey ty voany. ¹³Koso baka anay ty ala manimba zay, sady ty biby ty baiboho mihina zay. ¹⁴Mimpolia, Njanahary tompoa ty maro; jilovo baka an-danitsy eny le diniho noho karakarao ty voaloboky toy. ¹⁵Toy ro fotony ze nambolea ty tananao an-kavana, ty sampany ze nampitirianao. ¹⁶Noroa zay sady notampahy; maty noho ty fagnelofanao ndrozy. ¹⁷Ty tananao lahy ho amy ty olo ty tananao ankavana, ho amy ty anaky ty olo ze nampaherezinao ho Ahinao. ¹⁸Le tsy hiala aminao zahay; velomy ndraiky zahay, le hikaiky ty anaranao. ¹⁹RY Yaveh Njanahary tompoa ty maro, ampolio zahay, ampipiriaho aminay ty tarehinao, le ho voavonjy zahay.

Chapter 81

¹Ho ahy ty mpihira; anovo amy ty fomba Gitata. Salamo nanovy Asafa. Mihira mare ho ahy Njanahary heritsika; mikaiha mare amy ty hafalia ho tiazay Njanahary ty Jakoba. ²Tariho ty hisa sady debono ty aponga tampaky, ty lokanga mahafinaritsy miaraky amy ty valiha. ³Tiofo ty tsifa ty anjomara amy ty andro ty vola vaovao, amy ty fotoa ty vola fenomana, lafa miatomboby ty fotoa fifaliantsika. ⁴Fa lala ho ahy Israely zay, lily ro namen-janahary ho ahy Jakoba. ⁵Naboakiny ho fitsipiky amy Josefa zay lafa nandeha nanohitsy ty tany Egypta ie, lafa naharezako feo ze tsy haiko. ⁶Nalako ty enta mahavesatsy tamy ty sorokiny, afaky tamy ty fitanjaha haro ty tanany. ⁷Nikaiky mare tanay ty alahelonao iha, le namonja anao Zaho; namaly anao tamy ty hotsoky ty raho maiiky Zaho. Nitsapa nao tamy ty rano i Meriba Zaho. Sela ⁸Mijanjinina, nareo oloko, fa hampitandry anareo zaho, lahy Israely, lafa mba nijanjy Ahy zay nareo! ⁹Le tsy tokony hisy Njanahary hafa taminareo teo; tsy mahazo manompo Njanahary hafa nareo. ¹⁰Zaho ro Yaveh Njanarinareo, zay nanday anareo niala baka amy ty tany Egypta. Vohao misanasana ty vavanareo, le hanatsiky zay Zaho. ¹¹Fe tsy ninjanjy ty volako ty oloko, tsy nanoriky Ahy ty Israely. ¹²Ka le nameako tamy ty hamery lohan-drozy avao ndrozy soa mba ahaizany manao ze hainy fa mety aminy. ¹³Fe, laha mba nijanjy ahy ty oloko e; nefa fe, laha mba naonoriky tamy ty lalako ty oloko. ¹⁴Le noravako malaky ty vahavalon-drozy sady ampariko hanohitsy mpaneriserin-drozy ty tanako. ¹⁵Enganie ze malay ahy Yaveh handohaliky amy ty havaka anatrehany eo! ¹⁶Ho menatsy mandrakizay lahy ndrozy. Ho fahanako vary soa biby ty Israely; hameako fagnaraham-po amy ty tantely baka amy ty lafiam-bato nareo."

Chapter 82

¹Salamo nanovy Asafa. Njanahary le amy ty fiangonana masy ao; anivon-drozy eo NJanahary ze amenay fitsara.

²Zisiky ombia ro hitsaranao tsy amy ty hitiny noho hampitolo ty fiangara amy ty raty fanahy? Sela³Ambeno ty sahira noho ty kamboty; omeo haton' ty mijaly noho ty malahelo. ⁴Vonjeo ty sahira noho ty mijaly; afaho amy ty tana ty raty fanahy ndrozy.⁵Tsy nahay na nahatakatsy ndrozy; nikarikarioky tao anay ty haiky ndrozy; nirava iaby ty fiorena ty tany iaby."⁶Hozao ty hoasako: " Nareo ro Njanahary, sady nareo iaby le anaky ty Anabo Biby.

⁷Ndra zay aza le ho maty manahaky ty olo noho ravoky manahaky ty raiky amy rey mpanjaka avao nareo."⁸Miongaha, lahy Njanahary, tsarao ty tany, fa mana lova amy ty firenana iaby Iha.

Chapter 83

¹Tonon-kira. Salamo nanovy Asafa. Njanahary lahy, ka mieny! ka mampisy dikany anay sady mipetraka fa ka mamitsaky, Njanahary lahy. ²Ingo mila kinainay vahavalonao rey, sady ze malay anao le fa nanonjo ty lohany. ³Sanandro ndrozy manohitsy ty olonao sady mikinia ty hanohitsy rey narovanao rey. ⁴Fa nivola hozao ndrozy: "Avia, sady ndao tsika handrava ndrozy manahaky ty firenena raiky. Sady le tsy ho tiaro sasy ty anara ty Israely." ⁵Le niharo namoro hevitsy raiky hialia ndrozy; le niharo hanohitsy Anao. ⁶anay zay ty lay Edoma reo noho ty Ismaelita, sady ty olo ty Moaba noho Hagrita reo, ze niaraky hevitsy raty tamy ⁷Gabala, Amona, Amaleka; sady anay zay koa i Filistia noho mpiharo petraky ahy Tyro reo. ⁸Niharo tamy reo avao koa Asaria; nanampy ty tariaky Lota ndrozy. Sela ⁹Anovy amin-drozy manahaky ty nanovinao tamy Mediana, sady manahaky ty nanovinao manahaky Sisera noho tamy Jabina tao amy y rano Kisona. ¹⁰Maty ta En-doro ndrozy sady nanjary manahaky ty zeziky ho tiahy ty tany. ¹¹Anovy manahaky ahy Oreba noho Zeba ty mpanapakan-drozy, sady manahaky ahy Zeba noho Zalmona ty mpnanjakan-drozy iaby. ¹²Hoasan-drozy hoe: " Andeha alatsika ho tiahitsika ty tany fihinan'akatan-Janahary." ¹³Njanahary lahy, anovy manahaky ty talio, manahaky ty lila aloha ty tsioky, ¹⁴manahaky ty afo ze mandoro ty ala, sady manahaky lela ty afo ze mampirehity vohitsy reo ndrozy. ¹⁵Hazao amy ty tsioky marenao ndrozy, sady ampihorohoro amy ty tsioky mare. ¹⁶Atseho hanatsy ty vatan-drozy mba hilany ty anaranao , lahy Yaveh. ¹⁷Ho manatsy noho hangorohoro manadrakizay lahy ndrozy; sady ho maty anay fahafaham-baraky. ¹⁸Sady le ho hain-drozy fa Iha raiky avao, lahy Yaveh, ro azy Anabo biby heniky ty tany iaby.

Chapter 84

¹Ho ahy ty mpihira; anovo amy ty fomba Gitita. Salamo nanovy anakilahy Kora reo. Zao ty hasoa ty toera ze hipetrahanao, lahy yaveh tompoa ty maro! ²Magniry mare ty kianja Yaveh zaho, fa nahavozaky ahy ty fagniriako zay. Ty foko noho ty mikasiky ahy iaby mikaiky mare an-janahary velo. ³Ndra ty foly aza fa nahitaky ty fipetraha ho tiazy sady ty tsikurity nahitaky fipetraha ho ahy ty vatany mba hanengany ty anakiny anila ty alitaranao eo, lahy Yaveh tompo ty maro, mpnjakako, noho Njanahariko. ⁴Ho tahia reo ze mipetraky an- tranonao ao; sady hanompo anao zisiky farany ndrozy. Sela ⁵Ho tahia lahy ty olo ze mahery aminao ao, ze mana ty lalam-be miakatsy mbamy Ziona anay ao. ⁶Hahitaky loharano hinomy ndrzy, amy ty fanapatapaha ty baibohon-dranomaso. Ty loha ora ho atsiky fitahia zay. ⁷Avy miha mahery am-pandehana ndrozy; ty kiraikiraiky amin-drozy iaby le miboaky anatrehan-Jnanahary a Ziona. ⁸Yaveh Jnahary tompoa ty maro lahy, janjino ty fivavahako ;lahy Njanahary i Jakoba lahy, janjino ze volaniko! Sela ⁹Njanahary lahy, embeno ty fiarovanay; atoro fiahia ho ahy ty nohosorano. ¹⁰Fa ty andro raiky an-kianjanao le bevata mandilatsy ty arivo amy ty hafa. Aleoko miamby ty vavara ty trano tiahy Njanahariko, tany mipetraky an-day ty faharatia ¹¹Fa Yaveh Njanahary ro mahasoandro noho fiaro ho ahianay; hanome fahasoava noho voninahitsy Yaveh; tsy hitanjaky raha soa baka amy ty ze mandeha amy ty mahity Ie. ¹²Ry Yaveh tompoa ty maro lahy, sambatsy ty olo ze mitoky anao.

Chapter 85

¹Ho ahy ty mpihira. Salamo nanovy ty anaky lahy i Kora reo. Yaveh lahy, Fa nampitoro fankasitraha tamy ty taninao Iha; fa nampolinao tamy ty pilaasiny ty fifalia i Jakoba. ²Fa nenganao ty hadisoa ty olonao; fa nolongofanao ty fahadison-drozy iaby. Sela³Fa nangalaky ty helokianaol Iha; fa niegny tamy ty siaky mare iha. ⁴Ampolio zahay, lahy Njanahary ty famonjea anay, lahy Njanahary ty famonjea anay, sady enganie hiala aminay ty tsy hafalianao. Ho meloky aminay mandrakizay va Iha? ⁵Hipetraky ho meloky heneky ty tariky misolo ho avy reo va Iha?⁶Tsy hamelo anay ndraiky va Iha? Le hifaly aminao ao ty olonao. ⁷Ampanentao anay ty famalozamponao, lahy Yaveh, tanteraho aminay ty famonjeanao. ⁸Hijanjy ze vola'Yaveh Njanahary zaho, fa Izy hilongo amy ty olony, noho reo mpanoriky ty liany mahatokiny. Sady tsy himpoly amy ty hagegeny ndraiky ndrozy. ⁹Ty famonjeany le azo antoky fa anila ze matahotsy Azy; sady hhipetraky amy ty taninay ty voninahitsy.¹⁰Nihao ty fifanaraha mahatoky noho ty fahamen-dreham-pitokia; fa nifanoriky ty fahamarina noho ty fiadana. ¹¹Miboiboiky baka amy ty ty fahamen-dream-ppitokisa, sady fahamarina mijillo baka amy ty lanitsy eny.¹²Eka, Yaveh hanome reo fitahiany soa, sady hamokatsy ty taninay. ¹³Ty ha-to handeha alohany eo, sady hanao lala ho ahy ty liany.

Chapter 86Vavaky nanovy Davida.

¹Mijanina, lahy Yaveh, sady valio zaho, Fa tsy mana noho mijaly zaho. ²Embeno zaho, fa tsy mpivaliky; lahy Ndranahariko, vonjeo ty mpanomponao ze mitama aminao. ³Ferineso zaho, lahy Tompo, fa tomany mare aminao amy ty halava ty andro iaby zaho. ⁴Ampifalio ty mpanomponao, fa aminao ro ivavahako, lahy Tompo. ⁵Soa, Iha, lahy Tompo, sady vonona hanenga ty fahadisoa, sady hampitoto ty famalozam-po bevata hoahy ze mitoreo aminao Iha. ⁶Ry Yaveh, janjino ty fivavahako; janjino ty feo ty fangatahako. ⁷Mikaiky Anao zaho tany andro fijaliako, le hamaly ahy Iha. ⁸Tsy misy ndra raiky afaky hampitoto aminao amy azy ndranahary rey, lahy Tompo. Tsy misy asa manahaky ty asanao rey. ⁹Ty firenena ibay ze namboarinao le ho avy handohaliky antrehanao eo, lahy Tompo. Le hanome voninahitsy ty Anaranao ndrozy. ¹⁰Fa bevata Iha sady mana rah mahatseriky; Iha raiky avao ro Ndranahary. ¹¹Ampianaro ahy lalanao rey, lahy Yaveh. Le handeha amy ty faharinanao zaho. Ampiafandrambeso ty foko mba hampitoto fanaja Aminao. ¹²Ry Tompo Ndranahary o, amy ty foko iaby ro hanompoako anao; hanome voninahitsy ty anaranao mandrakizay zaho. ¹³Fa bevata ty fitiavanao amiko fa namonjy ty aiko tany ty halaliky ty fiaina tsy hita Iha. ¹⁴Ndranahary o, fa nitsanga hanohitsy ahy ty mpiavonavo. Ty vondron'olo mahery loha mikinia ty aiko. Tsy nieritseritsy Anao ndrozy. ¹⁵Fa Iha, lahy Tompo, Ndranahary miferinay noho lekko fahasoava, be fandefera noho soa fanahy noho mendrika itokisa. ¹⁶Toliho zaho sady ferineso zaho; ameo ty herinao ty mpanomponao; vonjeo ty anakilahy ty mpanomponao ampela. ¹⁷Ampitoto ahy ty famantara ty fankasitrahanao ahy. Azy malay ahy rey le hahita zay sady ho menatsy safe Iha, lahy Yaveh, fa nanampy ahy noho nampionona ahy.

Chapter 87Salamo nanovy ty anakilahy Kora; tonin-kira.

¹Ambohetsy masy eny ro mitsanga ty tana ze namboary; ²Tea Yaveh ty vavahady i Ziona mandilatsy ty lay Jakoba iaby. ³Volany aminao ty raha mahatseriky, azy tanan-Dranahary. Sela⁴Volaniko amy ty mpanoriky ty liako Rahaba noho i Babylona. Ingo, retia i Filistia, noho Tyro, mbamy Etopia—le hanao hozo: "Teraky tany azy ity."⁵Ty amy Ziona le ho volany hozo: "Ty kiraikiraiky tamindrozy le naterany; sady ty anabo mare ro hanamboatsy azy."⁶Sorata Yaveh amy ty boky fanisaha ty firenena hozo: "Teraky tany azy ity." Sela⁷Le mpihira noho ty mpitsinjaky hivola manao hozo: " Aminao ao iaby ty loharanoko."

Chapter 88Tonon-kira, salamo nanovy ty anakilah'i Kora; Hoahy ty mpihira; anovo amy ty fomba Mahalata
Leanota. Maskila nanov'i Hemana Ezraita.

¹Ry Yaveh, Ndranahary ty famonjea ahy, hitany mare amy ty fanatrehanao saky sandro zaho. ²Mijanjina ty fivavahako; janjino ty fitoreovako. ³Fa atriaky fijalia zaho, fa nahatratsy ty Fiaina tsy hita ty aiko. ⁴Ty olo mihevitsy ahy manahaky ty mijotso an-davaky; lahilahy tsy manan- kery zaho. ⁵Nenga niaraky tamy ty maty zaho; le manahaky ty maty an-dolo ao zaho, mokasiky ty tsy fidarianao sasy safe nala tamy ty herinao ndrozy. ⁶Nenganao tamy ty farany ambany ty lavaky, amy ty maiky ao noho ty toera laliky zaho. ⁷Mavesatsy amiko ty helokinao, sady mivosotsaky amiko eto iaby ty onjanao. Sela ⁸Noho Iha, le milay ahy ty mariniky ahy rey. Fa nanovinao fanenty mahameloky androzy rey zaho. Voafandrika zaho le tsy afaky hiala. ⁹Mihavozaky ty fijalea ty masoko; hikaiky Anao amy ty halava ty andro zaho, lahy Yaveh, Aampatsiko ho ahinao ty tanako. ¹⁰Hanao raha mahatseriky hoahy ty maty va Iha? Azy fa maty rey va hitsanga sady mbo hanompo Anao? Sela ¹¹Hovolany andolo ao va ty famalozam-ponao, sady ty tsy fivalihanao amy ty toera ty maty? ¹²Ho hay amy ty maiky va azy asa mahatserikinao, ndra ty fahamarinanao amy fahalinonao ty toera? ¹³Fa mitany aminao zaho, lahy Yaveh; lafa hamary le ho avy anatrehanao eo ty fivavahako . ¹⁴Ry Yaveh, manino zaho ro andananao? Maninno ty vatano ro avoninao amiko? ¹⁵Fa nampijalea avao zaho sady fa tamy ty hatanorako avao ty fahafatesa. Nampiajalia ty horohorona zaho; le namoy fo. ¹⁶Fa nandrio tamiko teo ty fihetsiky nandesy ty heloky. Sady fa nadrava ahy asa namphorohoroanao rey. ¹⁷Nandentiky ahy manahaky ty rano amy ty halava ty andro iaby ndrozy; fa nihodidy ahy iaby ndrozy. ¹⁸Fa nampisitahinao tamiko ty namako noho ty marikitsy ahy iaby. Sady ty haiky avao ro sisa narikitsy ahy.

Chapter 89Maskila i Etana Ezraita.

¹Hihira hoahy ty asa ty fanenkea atokisa Yaveh mandrakizay zaho. Hanambara ty fahamarinanao amy ty tariha ho avy zaho. ²Fa nivola hozao zaho; " Fa nenga mandrakizay ty fanenkea mahatoky; fe nenganao an-danitsy any ty hatonao." ³Fa nanao fanenkea tamy azy nofinginiko Zaho, Fa nifanta tamy Davida mpanompoko Zaho. ⁴Hampitoetsy ty tarihanao mandrakizay Zaho, sady hampitoetsy ty siazy fiadananao heniky ty tariha iaby. " Sela ⁵Manompo ty hatserehanao ty lanitsy, lahy Yaveh; tompoa amy ty fiangona azy masy ty hatonao. ⁶Fa ia an-danitsy any ro azo ampitovia amy Yaveh? Ia tamy ty anakilahy ndranahary ro mifanahaky amy Yaveh? ⁷Ie le Ndranahary ze nanome voninahitsy bevata tamy ty fialan-kevitsy azy masy sady nahatseriky ty manodidy Azy iaby. ⁸Ry Yaveh Ndranahary Tompo ty lako, ia ro mahery mandilatsy anao, lahy Yaveh? Atsiky anao ty hatonao. ⁹Mifehy ty riaky mahery Iha; lafa manjaky rey, le mampieny Iha. ¹⁰Nopotepotehinao manahaky ty olo vonoa i Rahaba. Naparitanao atmy ty sandrinao mahry fahavalonao rey. ¹¹Ahinao ty lanitsy, sady ty tany avao koa. Namboatsy zao tontolo zao noho ze kila raha aminy eo Iha. ¹²Namoro ty antimo noho avaratsy Iha. Mifaly amy ty Anaranao i Tabara noho Hermona. ¹³Mana sandry mahery noho tana mare Iha, sady anabo ty tananao ankavana. ¹⁴Ty fahamarina noho ty fitsara ro ambany ty sieza fiadananao. Avy anatrehanao eo ty fanenkea atokisa noho ty famendreham-pitosika. ¹⁵Sambatsy ty olo ze hanompo Anao! Yaveh o, mandeha amy ty fahazava ty vatanao ndrozy. ¹⁶Mifaly amy ty anaranao mandrakizay ndrozy, sady amy ty fahamarinanao ro hanondrotany Anao. ¹⁷IHa ro voninahitsy ty herindrozy, sady mpandresy amy ty fankahasitrahanao zahay. ¹⁸Fa ahy Yaveh ty fiarovany; ty mpanjakay le azy masy Israely. ¹⁹Taloha tany le nivola tamy iazy mahatokinano tanay ty fahitanano Iha; hozao Tiasanao: "Fa nanenga satro-boninahitsy tamy mahery teo Zaho; Fa nanondrotsy raiky notinginy tamy olo rey zaho. ²⁰Nitingy an'i Davida mpanompoko Zaho; tamy ty soliky masy ro nahotsiko azy. ²¹Hanoha azy ty tanako; hampahery azy ty sandriko. ²²Tsy misy fahavalo hamitaky azy; tsy misy fahavalo hamitaky azy; tsy misy anakilahy ty raty fanahy hampijaly azy. ²³Ho ravaravako alohany eo ty fahavalony rey; ho vonoako azy malayazy rey. ²⁴Ty fahamarinako noho ty fanenkeako matoky ro homba azy; ho mpandresy amy ty anarako ie. ²⁵Hengako anabo ty ranomasy eo ty tanany sady ty tana ankavanany anabo ty rano. ²⁶Hikaiky azy manao hozao ie: "Iha ro babako, lahy Ndranahariko, sady lafiambato ty famonjea ahy. ²⁷Zaho avao koa ro hanenga ay hanahaky ty talanolo, azy anabo mare amy ty mpanjaka ty tany. ²⁸Hanitatsy ty fanenkeako mahatoky amy ty mandrakizay Zaho; sady ty fanenkeako aminy le ho voarao. ²⁹Hampaharitsy ty tarihany rey mandrakizay Zaho sady ty sieza fiadanany haharitsy manahaky ty habakabaky anabo eny. ³⁰Laha tsy mahafofy noho tsy manoriky ty lalako rey ty anany, ³¹laha mandika ty lalako sady tsy midary ty lalako ndrozy, ³²le hanasazy ty fanabokandrozy amy ty tsorakazo Zaho sady ty hadisoany amy ty tsoka. ³³Fa tsy hangalaky amy ty fitiavako tsy miova ndra hivaliky amy ty fampitaminiko Zaho. ³⁴Tsy handika ty fanekeko ndra hanova safa ty soniko rey Zaho. ³⁵Fa nifanta tamy ty fahamasinako indraiky avao Zaho—tsy havandy amy Davida zaho: ³⁶Tarihany rey le hitohy mandrakizay sady ty sieza fiadanany le haharitsy manahaky ty mahasoandro alohako eo. ³⁷Zay le hipetraky mandrakizay manahaky ty volana, azy vavolombelo tamany an-danitsy eny." Sela. ³⁸Fe Iha tsy nanenky noho tsy nanda; nimeloky tamy ty mpanjakanano nohosora. ³⁹Fa niala tamy ty fanenkea ty mpanomponao Iha. Fa tsy nampisy dikany ty satro-boninahitsy tamy ty tany Iha. ⁴⁰Fa navorotsakinao ty rindrinny iaby, fa noravanao ty fiarova mareny. ⁴¹Ze nandalo iaby le fa nadrava azy. ⁴²Fa nanjary fitaova mampangaroharo amy rey namany rey ie. Nanondrotsy ty tana ankavana fahavalony rey Iha; nampifalianao iaby fahavalony rey. Navalikinao ty lela ty sabatsiny le tsy ⁴³hanaga ay lafa hialy. ⁴⁴Nofafanao ty fapiriahany; nampijotsoanao tamy ty tany ty sieza fiadanany. ⁴⁵Nihaborianaao ty andro ty fahatanorany. Nahatssehanao henatsy ie. Sela ⁴⁶Ombia , lahy Yaveh? Hamony ty vatanao mandrakizay va Iha? Zisiky ombia ro hirehitsy manahaky ty afo ty helokinano? ⁴⁷Oh, eritrereto ty mikasiky ty haboria ty androko, noho namoronanao ty anak'olombelo iaby ho matimaty fahatany! ⁴⁸Ia ro afaky hiay le tsy ho maty, ndra hanavotsy ty ainy manoka amy tana ty fiaina tsy hita? Sela ⁴⁹Ry Tompo, aia ty asa ty fanenkeanao matoky taloha ze nifata i Davida tamy ty hatonao? ⁵⁰Tiarovo ,lahy Tompo, ty tondro sony natao tamy ty mpanomponao sady ty fomba nizaka ty fokoa rey safa raty lako baka amy firenena rey. ⁵¹Nikoraky safa raty fahavalonao rey, lahy Yaveh; nitakiorindrozy ty lian-tomboky azy nohosorinao. ⁵²Ho tompoa mandrakizay lahy Yaveh. Amena, Amena. Boky faha efatsy.

Chapter 90Vavaky Mosesy lahilahin-Dranahary.

¹Tompo o, fa fialofanay heniky ty tarihanay iaby Iha. ²Taloha nisia ty vohitsy, sady namboatsy ty tany noho zao tontolo zao Iha, baka amizay zisiky mandrakizay, Iha ro Ndranahary. ³Nampipoly ty posiera ho olo Iha, le hozao tiasanao: "Mimpolia, iha ry tarihan'olom-belo." ⁴Fa ty arivo tao imasonao le manahaky ty tamby maly lafa lasa, sady fotoa manahaky ty fiambena amy ty haly. ⁵Noforanao manahaky tamby ty riaky ndrozy le niroro; lafa maray le manahaky ty akata mitiry ndrozy. ⁶Lafa maray le mamony zay sady mitiry; lafa haly le malazo zay sady maiky. ⁷Le vatany to fa rava amy ty helokinao zahay, sady amy ty helokinao ro mampavaka anay. ⁸Fa nanenga ty hadisoanay talohanao teo Iha, azy fahadisoanay nivony tamby ty fahazava ty fanatrehanao teo. ⁹Ty fiainanay le nilentiky ambany ty helokinao ao; ty fiainanay le mandrio malaky manahaky ty fisentoa. ¹⁰Fitopolo na valompolo tao zahay laha salama; kanefa ty taonay soa mare aza le nasia mariky ty fijalea noho ty alahelo. Eka, miala malaky zay, le mitily zahay. ¹¹Ia ro mahay ty hamafy ty helokinao, ze mifanahaky amy ty fahavaka Anaao? ¹²Le ampianaro zahay mba handiniky ty fiainanay mba hahazanay hiay amy ty fahendrea. ¹³Mimpolia, lahy Yaveh! Zisiky ombia zao? ferineso ty mpanomponao rey. ¹⁴Omeo fahafaham-po amy ty famalozam-ponao zahay lafa hamaray mba hifalianay le ho faly amy ty andronay iaby sisa rey. ¹⁵Ampifalio zahay arakaraky ty andro nampiajalianao anay noho ty tao ze niainanay fijalia. ¹⁶Enganie mpanompoanno rey hahita ty asanao, sady ao ty anakinao rey hahita ty voninahitsinao. ¹⁷Ty sitraky ty Tommpo Ndranaharinay anie ho aminay; tahio ty asa ty tananay; le vatany tahio lahy ty asa ty tananay.

Chapter 91

¹Azy mipetraky ambany ty fialofa azy Anabo Mare eo le hipetraky ao amy alok'azy Tsitoha. ²Hivola amy ty Yavehmanao hozao zaho: "Ie ro fialofako noho fiarovako mare, Ndranahary ze itamaniko." ³Fa Ie ro hamonjy anao amy ty fandriky ty mpihaza noho amy ty arety mandoza mahafaty. ⁴Handrakotsy anao amy ty elatsiny Ie, sady ambany ty elatsiny ro ahitanao fialofa. Ty famendream-pitokiany le fiarova. ⁵Tsy mavaka ty horohoro ty haly iha, ndra ty kititsy ze mitily amy ty andro, ⁶ndra ty loza ze mikarikarioky amy ty maiiky, ndra ty arety avy amy midy. ⁷Arivo ro mety ho ravoky anilanao sady ray aly eo amy ty tananao ankavana, fe tsy hahazo anao zay. ⁸Fa hieritseritsy ty sazy ty raty fanahy avao Iha. ⁹Fa Yaveh ro fialifako! Anovo fialofa avao koa ty Anabo Biby. ¹⁰Tsy hisy raty hahazo anao; tsy hisy fijalia hanarikitsy ty fipetrahananao. ¹¹Fa hitariky ty anjeliny rey Ie mba hiaro anao, hiamby amy ty lalanao iaby. ¹²Hanondrotsy anao amy ty tanany ndrozy mba tsy ho voa ty vato ty tomboky. ¹³Hamopipotiky ty lion iha noho ty menarana ambany tombonao; hanitsaky ty lion tanora noho ty bibilava iha. ¹⁴Safe fa nanolo-bata ho tiahy ie, le hamonjy azy Zaho safe tsy nivaliky tamiko ie. ¹⁵Lafa mikaiky Ahy ie, le hamaly azy Zaho. Hiaro azy Zaho amy ty fijalia; hanome fandreseha ho tiahy Zaho sady hanome voninahitsy ho azy. ¹⁶Hanome fahafaha-po azy amy ty halava ty fiaina Zaho sady hampiro azy ty famonjeako.

Chapter 92Salamo, tonon-kira hoahy ty andro sabata.

¹Raha soa ty fanomeza fisaora ahy Yaveh noho ty mihira fanompoa amy ty anaranao, lahy Anabo Biby,
²hanambara ty fanenkeanao matoky lafa hamaray noho ty fahamarinanao saky haly, ³amy ty valiha tory folo
noho ty feon-kiran-dokanga. ⁴Fa Iha, lahy Yaveh, nampifaly ahy tamy alala ty asanao. Hihira fifalia ho Ahinao
zaho noho ty asa ty tananao rey. ⁵Hoo ty habevata ty asanao, lahy Yaveh! Laliky vatany ty fisainanao. ⁶Tsy mahay
ty olo sagnagna, ndra ty gegy hahatakatsy zao: ⁷Lafa mitiry manahaky ty akata ty raty fanahy, sady ndra
midobadoba aza ty mpanao raty, le mbo ho rava amy ty fandrava mandrakizay. ⁸Fa Iha, lahy Yaveh, le hanjaka
mandrakizay. ⁹Eka vatany, henteo vahavalonao rey, lahy Yaveh! Eka vatany, henteo fahavalonao rey. Ho maty
ndrozy! Sady azy manao raty iaby rey hiparitaky. ¹⁰Nanondrotsy ty tsifako manahaky ty tsifan'aomby Iha;
Nohosora tamy ty menaky vaovao zaho. ¹¹Fa nahita ty firavoha ty fahavaloko rey ty masoko; fa nahare ty
faran'andro fahavaloko rey ty sofiko. ¹²Ty to le hitiry manahaky ty hazo rofia; Hitiry manahaky ty sedera a
Libanona zay. ¹³Nambolea tan-trano Yaveh rey; sady nitiry tamy ty kianjan-Dranaharitsika. ¹⁴Hamoana voa ndrozy
ndra antitsy aza; sady hiegnny ho vao noho ho maintso, ¹⁵mba hanambara fa mahity Yaveh. Ie ro lafiam-batoko,
sady tsy misy tsy fahamarina Aminy ao.

Chapter 93

¹Manjaka Yaveh; misafotsy voninahitsy Ie; Yaveh le mampisafotsy noho mampisiky ty vatany amy ty hery. Mare ty fanamboarany Zao tontolo zao; tsy afaky afalo zay. ²Mipetraky baka ambelohany ty sieza fiadananao; Iha le tsy mana fahatampera. ³Niakatsy ty riaky, lahy Yaveh; nanondrotsy ty feony ndrozy; namangovanvo noho nihaoky ty onnjan-driaky. ⁴Anabo ty fiantota ty onja lako, azy mpanampaky ty riaky, Yaveh anabo any ro mahery. ⁵Azy lilinao masy rey le mendri-pitokisa; atriaky ty tranonao mandrakizay ty fahamasina, lahy Yaveh.

Chapter 94

¹Ry Yaveh, Ndranhary mamaly raty , Ndranhary mamaly raty, mipiriha aminay eto. ²Mitsangana, lahy mpitsara ty tany, omeo ty mpirengirengy ze sahaiza androzy.³Zisiky ommbia ty raty fanahy, lahy Yaveh, zisiky ombia ty raty fanahy ro ⁴hifalifaly? Mandraraky ty safa fiavonavona ndrozy; ze manao rety iaby mievotsevisy.

⁵Niravaravandrozy ty olonao , lahy Yaveh; mampijaly ty firenena Ahinao rey ndrozy. ⁶Mamono somondrara noho ty vahiny ze miay amy ty fireneny ndrozy, sady mamono ty tsy maty baba. ⁷Hozao tiasandrozy: "Tsy hahita Yaveh, sady azy Ndranhary Jakoba le tsy hahay zay."⁸Mieritsereta, nareo lahy olo tsy misay! Nareo gegy, Ombia nareo ro hianatsy? ⁹Ie ze manao ty sofy, vasa tsy mahare va Ie? Ie ro namboatsy ty maso, vasa tsy mahita va Ie?¹⁰Ie ro mamehy ty firenena, vasa tsy mananatsy va Ie? Ie ro manome fahalala ty olo. ¹¹Yaveh ro mahay ty sain'olo, fa raha fahatany ndrozy.¹²Sambatsy, ze ampianarinao, lahy Yaveh, azy ampianarinao baka amy ty lalanao.

¹³Nameanao fitsahara ie tamy ty fotoa ty olo zisiky ty ihalia ty lavaky hoahy ty raty fanahy.¹⁴Fa Yaveh tsy mahafofy ty olony ndra hanenga ty lovany. ¹⁵Le ho to ndraiky ty fitsara; sady ze mahity fo iaby le hanoriky zay. ¹⁶Ia va ro hitsanga hiaro ahy amy mpanao raty rey? Ia ro hitsanga ho tiahy hanohitsy ty raty fanahy?¹⁷Laha tsy Yaveh ro nanampy ahy, manahaky zay zaho fa saiky nitsilany tamy ty toera ty fahangina. ¹⁸Lafa nivola hozao zaho: "Mangitikitiky ty tomboko," le nnitoha ahy, ty famalozam-ponao, lahy Yaveh. ¹⁹Lafa lako ty ahiahiko, le mampifaly ahy ty fankaherezanao.²⁰Afaky miaraky aminao va ty sieza fiadana ty faharava, azy mamoro ty tsy rariny amy alala ty lalana? ²¹Niharo hevitsy ndrozy mba hamangoa ty ay ty to sady manasazy ho maty azy tsy mana fahadisoa rey.²²Fa Yaveh ro fa tilikambo anabo, sady lafiam-bato fialofako ty Ndranhary. ²³Handay ty fahadisoan-drozy aminy eo Ie sady handrava androzy mitoka amy ty faharatiany. Hamono androzy Yaveh Ndranharytsika.

Chapter 95

¹Avia, ndao tsika hihira hoahy Yaveh; ndao tsika hihira am-pifalia ho ahy azy lafiam-bato ty famonjea antsika.

²Ndao tsika hihility amy ty fanatrehany amy ty fisaora; ndao tsika hihira ho Tiazy amy ty salamo fanompoa. ³Fa Yaveh ro Ndranhary bevata noho Mpanjaka bevata mandilatsy ty ndranahary iaby.⁴An-tanany eo azy fitoera laliky ty tany; Tiazy ty fitoera anabo ty vohitsy iaby. ⁵Tiazy ty riaky, Fa Ie ro nanamboatsy zay, sady ty tanany ro namboatsy ty tany maiky.⁶Avia, ndao tsika hanompo noho handohaliky; ndao tsika handohaliky anatreha Yaveh, namboatsy antsika; ⁷Fa Ie ro Ndranaharitsika, sady olo ty fihinana ty akata noho ty aondry ty tany tsika. Henany io--- Enganie le ho janjininao ty feony!⁸Ka manamafy ty fonao, manahaky ta Meriba, Ndra manahaky tany ty fotoa i Masa tanefitsy tany, ⁹ze nitsapa ty razanareo rey Ahy, ndra nihitandrozy aza asako rey.¹⁰Fa efapolo tao ro nimeloky tany tariha zay Zaho le nivola hozao: "Toy le olo mana fo mibio; tsy manoriky Ahy ndrozy."¹¹Lafa zay le nivoady tany ty heloky zaho mba tsy hihility amy ty toeram-pienenako sasy ndrozy rey

Chapter 96

¹Mihira fihira vaovao hoahy Yaveh, mihira hoahy Yaveh, ry kila tany iaby. ²Mihira hoahy Yaveh, isaoro ty Anarany; ambarao saky sanandro ty famonjeany. ³Ambarao amy firenena rey ty voninahitsiny, ty asany mahatseriky amy ty firenena iaby. ⁴Fa bevata Yaveh le tokony ho tompoa mare. Tokony hatahora mandilatsy ty ndranahary hafa iaby Ie. ⁵Fa sampy aiaby ty ndranahary ty firenena iaby, fa yaveh ro nanao ty lanitsy. ⁶Fipiriaha noho ty voninahitsy ho amy ty fanatrehany. hery noho fitsara ro amy ty fitoerany masy. ⁷Manompoa an'yaveh, nareo ry olo, manompoa an'yaveh noho ty voninahitsiny noho ty heriny. ⁸Omeo ty voninahitsy sahaza ty anarany Yaveh. Manandesa fanday le miavia amy kianjany ao. ⁹Mandohaliha amy Yaveh amy ty fisikina maome voninahitsy ty fahamasinany. mangitikitiha anatrehany eo, ry tany iaby. ¹⁰Mivolana amy firenena rey manao hozao: "Manjaka yaveh." Namboary avao koa zao tontolo zao; tsy ho voahozohozo zay. mitsara ampahamarina ty olo rey Ie. ¹¹Tokony ho faly ty andanitsy any, sady tokony ho falifaly ty tany; tokony hierotsy ty riaky sady hikoraky am-pifalia ze manatsiky zay. ¹²Tokony hifaly ty baibo noho ze kila raha aminy ao rey. Le tokony hikoraky amy ty fifalia ¹³anatreha Yaveh eo ty kila hazo an'ala any rey, fa avy Ie. Avy mba hitsara ty tany ie. Hitsara zao tontolo zao amy ty fahamarina Ie sady amy ty fahatokiany olo rey.

Chapter 97

¹Manjaka yaveh; tokony hifaly ty tany; tokony ho rava iaby ty sisysy tyriaky. ²Raho ho haiiky ro mihodidy Azy. Fahamarina no ho ty rariny ro fiorena ty seza fiadanany. ³Afo ro mandrio alohany eo le mandrava ty mpialy aminy amy ty kila raha iaby. ⁴Manazava zao tontolo zao ty helatsiny; mhaita zay ty tany le mavaka. ⁵Mitranaky manahaky ty savoka anatreha Yaveh eo, azy tompo ty tany iaby, azy vohitsy rey. ⁶Manambara ty fahamarinany habakabaky rey, sady mahita ty voninahitsiny ty firenena iaby. ⁷Ho menatsy azy iaby manompo sarivonga, azy mirengirengy amy ty sampy tsy misy dikany--- miondreha aminy eo, nareo ry ndranahary iaby! ⁸Nahare ty Ziona le faly. Sady nifaly ty tana i Joda noho ty lilinao to, lahy Yaveh. ⁹Fa Iha , lahy Yaveh, ro anabo mare anabo ty tany iaby, Asondrotsy anabo maremandilatsy ty ndranahary iaby Iha. ¹⁰Iha ze tea an'Yaveh, manaboka ty raty! Miaro ty ay ty olo masy rey Ie, le mangalaky androzy tsy ho an-tana ty raty fanahy. ¹¹Nafafy tany ty to ty hazava sady ty fifalia hoahy ty mahity fo. ¹²Meteza hifaly amy Yaveh ao, nareo olo to; sady manese fisaora lafa mahatiaro ty fahamasinany nareo.

Chapter 98

¹Salamo. Mihira fihira vaovao hoahy Yaveh, fa manao raha mahatseriky Ie; manome fandrese Azy ty nanany ankavana noho ty sandriny masy. ²Nampahay ty famonjeany Yaveh; mampitro ampahi-be maso ty fahamarinany tany firenena iaby ie. ³Mahatiaro amy ty tsy fivaliham-panenkeany noho ty fanenkea mahatoky hoahy ty tariha Israely Ie; hahita ty fandrese Ndranaharitsika ty kila tany iaby. ⁴Mifalia hoahy Yaveh, ry tany iaby; Tariho ty hira; mihira amy ty fifalia, le mihira fanompoa. ⁵Mihira fanompoa hoahy Yaveh amy ty harpa, amy ty valiha noho ty hira soa. ⁶Amy ty trompetra noho ty feo ty anjomara, manaova korahim-pifalia anatreha azy Mpanjaka, le yaveh. ⁷Tokony hikoraky ty riaky noho ty kila raha iaby anaminy ao; zao tontolo zao noho ty ze mipetraky aminy ao iaby! ⁸Tokony hiteha-tana renirano rey, sady tokony hikoraky fifalia ty vohitsy. ⁹Avy hitsara ty tany Yaveh; hitsara zao tontolo zao amy ty fahamarinany Ie sady ty ferenena rey amy ty rariny.

Chapter 99

¹Manjaka Yaveh; tokony hangitikitiky firenena rey. Mipetraky amy ty sieza fiadana anabo ty Kerobima ie; mmihovitsovitsy ty tany. ²Bevata a Ziona ao Yaveh; asondrotsy anabo ty firenena iabby Ie. ³Engaho ie raiky avao ro hanompo ty anaranao bevata noho mampavaka; Masy Ie. ⁴Mahery ty mpanjaka, sady tea ty rariny Ie. Fa nampitoerinao ty rariny; fa nanao fahamarina noho fahitia tamy jakoba Iha. ⁵Tompo Yaveh Ndranaharitsika sady tompo amy ty fipetraha ty tombony Ie. masy Ie. ⁶Hisahy ty mpisoro rey i Mosesy noho i Arona, noho i Samoela hisandrozy ze niboaky taminy. Nivavaky tamy Yaveh ndrozy, le namaly androzy Ie. ⁷Nivola tamindrozy yamy alala ty andry raho Ie. Nitanjaky ty liliny masy ndrozy sady ty lala ze fa nameany hoahindrozy. ⁸Namaly androzy Iha, lahy Yaveh Ndranaharinay. Ndranahary mpanenga hadisoa Iha tamindrozy, fe Azy manasazy tamy ty fahotany. ⁹Manompoa an'Yaveh Ndranaharitsika, sady tompo Ie amy ty vohitsiny masy ao, fa Yaveh Ndranaharitsika le Masy.

Proverbs

Chapter 1

¹Ohabola i Solomona ana i Davida rey, mpanjakan'Israely. ²Ohabola reto ro nanovy mba hampianatsy fahendrea noho ty torolala, hampianatsy safa ty fahaiza rey, ³hahazoanao torolala mba hiaina may ty fananova ty marina, rariny, sady ty hitiny. ⁴Ohabola reto avao koa ro nanovy hanome fahendrea ho ahy ty tsy ampy say, sady hanome fahaiza noho fahailo ho ahy ty tanora. ⁵Engao ty olo hendry hijanjy ka le hampitombo ty fahaizany, sady engao ty olo mahay manavaky hahazo tari-dala, ⁶mba hahatakatsy ohabola rey, ohan-tsafa rey, noho ty safa ty olo-hendry mbamy ty ankamatatsiny. ⁷Ty tahotsy an'Yaveh ro fiboaham-pahaiza--- ty adala mikizaky ty fahendrea noho ty fampianara. ⁸Anako e, janjino ty fampianara-babanao sady ka miala amy ty fitsipiky ty reninao; ⁹ho fonon-doha soa tarehy ho ahy ty loharano rey sady rado mihanto amy ty vozona eo. ¹⁰Anako e, laha mila hanombotsy anao ho amy ty fahotan-drozy ty mpanota, le ka manenky hanoriky azy. ¹¹Laha hoasan-drozy hozao: "Avia hiaraky aminay, ndao tsika hivony ka le hamango olo tsy manan-tsiny amy ty tsy misy dikany. ¹²Ndao hatelintsika velo rey, manahaky ty fangalà ty Fiainan-tsy Hita ze salama rey, sady hanao androzy hanahaky ze milatsaky an-davaky. ¹³Ho hitantsika karaza-draha sarotsy iaby rey; ho fenoantsika amy ze hangalarantsika any ty hafa ty tsanontsika. ¹⁴Atoraho miaraky aminay ty filokanareo; hana poketsa raiky avao isaky iaby." ¹⁵Anako e, la mandeha mijotso amy lala zay miaraky amin-drozy; la enga hikasiky ze handehanany ty tombokinao; ¹⁶milay ho amy ty raty ty tombokiny sady vo maiky handatsaky-lio ndrozy. ¹⁷Fa tsy misy dikany ty hamelara harato hamandriha voro laha mitsindro voro iny. ¹⁸Mihotsoky hamono ty vatany avao olo rey--- manao vela-pandriky ho ahy ty vatany ndrozy. ¹⁹Manahaky zay koa ty lala ty olo iaby ze mahazo hanana amy ty tsy rariny; ty hanana azo amy ty tsy rariny maharary ty ay ze mipitiky amy zay rey. ²⁰Mivazavaza an-dala eny ty fahendrea, mampiakatsy ty feony ankalamanjana eny ie; ²¹amy loha-lala mikoraky eny rey ro hikorakoraky, amy ty filira amy ty vavahady ty tanà eny ro hivolanany hozao: " ²²Ho zisiky-ombia, nareo olo tsy ampy say, ro hotea ty habadoa? Ho zisiky-ombia, nareo mpandre bireby, ro hotea ty fandre birebea, sady ho zisiky-ombia, nareo adala e, ro halay ty fahaiza? ²³Embeno soa ty fananarako; harorako aminareo ty fihevitsiko; hanoviko hainareo ty safako. ²⁴Fa nikaiky zaho, sady nandà ty hijanjy nareo; nanampatsy ty tanako zaho, fe tsy nisy nidary. ²⁵Fa natanaoreo sary tsy hay ty fampianarako iaby sady tsy nijanjininareo ty fananarako. ²⁶Hihehy ty lozanareo zaho, handatsa anareo zaho lafa niavy ty horohoro --- ²⁷lafa niavy manahaky ty tafioty ty fandrava mampatahotsy sady mifaoky anareo manahaky ty talio ty loza, lafa niavy aminareo ty fijalea noho ty fangirifiry. ²⁸Le nikaiky ahy ndrozy, fa tsy hamaly zaho; hikaiky ahy maré ndrozy, fa tsy hahita ahy. ²⁹Safe malay fahaiza ndrozy sady tsy nitingy ty tahotsy an'Yaveh, ³⁰tsy nanoriky ty fampianarako ndrozy, sady nikizaky ty fananarako iaby. ³¹Hihina ty vokatsy ty lalany ndrozy, sady ty vokatsy ty tetiky-ratin-drozy ro hanatsiky azy. ³²Fa voavono ty tsy ampy say lafa mivio, sady hampipotiky azy ty tsy fidarea ty adala. ³³Fa ndra ia ndra ia mijanjy ahy le hiay am-pilamina sady ho voaaro tsy hatahotsy loza."

Chapter 2

¹Anako e, laha mandramby ty safako iha sady apitikinao aminao ao liliko rey, ²le engao ty sofinao hiemby soa ty fahendrea sady ahohirano ho amy ty fahazavan-tsay ty fonao. ³Laha mihiakiaky ho amy ty fahazavan-tsay iha sady mampiakatsy-feo ho amy zay, ⁴laha mila azy manahaky ty hilanao volafoty iha sady mila ty fahazavan-tsay manahaky ty filà hanana mivony, ⁵le ho hainao ty tahotsy an'Yaveh sady ho hitanao ty fahaiza an-Janahary. ⁶Fa manome fahendrea Yaveh, baka amy ty vavany ro hiavia ty fahaiza noho fahazavan-tsay. ⁷Manajary ty fahendrea soa ho ahy ze ankasitsahiny rey Ie, ie ro fiaro ze mandeha amy ty fahitia rey, ⁸miemby lala ty rariny rey Ie sady hiaro ty lala ze matoky Azy. ⁹Le ho tsapanao ty fahamarina, ty rariny, noho ty hitiny, sady ty lala soa iaby. ¹⁰Fa hility am-ponao ao ty fahendrea, sady ho soasoa ty fanahinao ty fahaiza. ¹¹Hiaro anao ty failo, sady hiemby anao ty fahazavan-tsay. ¹²Hanavotsy anao amy ty lala-raty ie, amy ze mivola raha-raty rey, ¹³ze miala lala ty fahamarina rey sady mandeha amy ty lala ty lala-raty. ¹⁴Mifaly ndrozy lafa manao raty sady soa amy ty fahativativa ty raty. ¹⁵Manoriky lala-meloky ndrozy, sady nampiasa ty fitaky hamonia ty lalany. ¹⁶Fahendrea sady failo ro hanavotsy anao amy ty ampela mahery loha, amy ty ampela raty fandaism-bata noho ty safany malemy. ¹⁷Mahafoy ty nama ty tanora azy ie sady manalino ty fanenkeany tany ty Njanahariny. ¹⁸Fa ty tsanony mitariky amy ty fahafatesa sady lalany rey handay anao ho amy ze an-dolo rey any. ¹⁹Ze iaby militsy aminy ao ro tsy himpoly sasy sady tsy hahita ty lala ty fiaina ndrozy. ²⁰Ke handeha amy ty lala ty olo soa iha sady hanoriky lala ty olo-marina rey. ²¹Fa manao ty marina rey ro hanao fipetsaha amy ty tany eo, sady tsy mivaliky rey ro hipetsaky amy zay ao. ²²Fa ty raty fanahy hombota amy ty tany eo, sady ty tsy manam-pinoa hombota amy zay eo.

Chapter 3

¹Anako e, la manalino ty liliko sady tano am-ponao ao ty fampianarako, ²fa andro lava noho tao lako hiaina sady fiadana ro hanampea anao rey.³Ka enga hiala anao ty tsy fivaliham-panenkea noho ty fahendream-pitokisa, hampifehezy amy ty vozonao eo rey, sady apitiho amy ty vato pisaky ao ty fonao. ⁴Le hahita fitea noho soa laza amaso Njanahary eo noho ty olo iha.⁵Matokisa an'Yaveh amy ty fonao iaby sady ze mianky amy ty fahaizanao avao; ⁶manenkea Azy amy ty lalanao iaby sady Ie ro hampahity ty lalanao.⁷Ka hendry amaso eo avao; matahora an'Yaveh ka le ialao ty raty.⁸Ho fanafaha ho ahy ty nofotsinao sady famelombelo ho ahy ty vatanao zay.⁹Manajà an'Yaveh amy ty hanananao noho ty veloham-bokatsy ty vokatsinao iaby,¹⁰ le ho atsiky ty tsano fanajariam-bokatsy sady ho vintsy hijiajia ty fipetsaham-mbolobokinao, atsiky divay vaovao.¹¹Anako e, la manaraty ty fampianara Yaveh sady ka malay ty fanelofany, ¹²fa ze teany ro sazý Yaveh rey, manahaky ty anovy ty raiky amy ty anaky ze ankasitsahiny.¹³Sambatsy ze mahita fahendrea; fa mahazo fahazavan-tsay avao koa ie. ¹⁴Soa noho ze amea ty volafoty ty azonao baka amy ty fahendrea sady ty tombony ro soa mandilatsy ty volamena.¹⁵Sarotsy noho ty ravaky ty fahendrea sady tsy misy azonao ampitovizy aminy ze mety ho irinao. ¹⁶Andro lava ro an-tanany ankavana eo; sady hanana noho voninahitsy ro an-tanany ankavia eo.¹⁷Lala ty fahalemem-panahy ty lalany sady fiadana iaby ty lalany iaby.¹⁸Ie ro hazon'ay ho ahy ze mitandraky rey zay, sambatsy ze mipitiky amy zay rey.¹⁹Tamy ty fahendrea ro namboara Yaveh ty tany, tamy ty fahazavan-tsay ro nampipetsahany ty lanitsy. ²⁰Tamy ty fahaizany ro nitiria ty laliky sady nampilatsaky ty andony ty raho.²¹Anako e, tandrano ty fitsara noho fahaiza-manavaky marina, sady ka alà amy ty masonao zay. ²²Ho ay ho ahy ty fanahinao raiky sady ravaky ty fankasitraha hananova mioididy ty vozonao.²³Le handeha amy ty lalanao am-pilamina iha sady tsy ho heloky ty tombonao; Lara miroro iha, le tsy hatahotsy; ²⁴lafa miroro iha, le ho mamy ty nofinao.²⁵Ka matahotsy ty horohoro avy tampoky ndra ty fandrava anovy ty raty fanahy, lafa avy zay, ²⁶fa Yaveh ro ho anilanao eo sady hiaro ty tombonao tsy ho voa ty fandriky.²⁷Ka mihina ty soa amy ze maeva rey zay, laha amy ty herinao ao avao ty hiasa.²⁸Ka mivola amy ty namanao hozao: "Mandehana, ka le miavia ndraiky, sady hamaray ro hanomezako zay," laha hanananao aminao any avao jala iny.²⁹Ka manao tetiky hanisy raty ty namanao eo--le azy mipetsaky anilanao eo iny sady matoky anao. ³⁰Ka mifamaly amy ty o,o amy ty tsy misy dikany, laha tsy nanisy raty anao ie. ³¹Ka mialona ty olo maheriloha ndra mitingy ze lalany. ³²Fa mampangoritsy amy Yaveh ty olo mandratiraty, fa hampitokisany aminy koa ty olo mahity fo. ³³Amy ty tsano ty raty fanahy eo ty fanomezaka Yaveh, fa mitahy ty fipetsaha ty olo-marina koa Ie. ³⁴Mandatsa ty mpandrebireby Ie, fa manome sitsaky ho ahy ty olo mampijotso vata. ³⁵Ty olo-hendry mandova voninahitsy fa ty adala koa le hisondrotsy amy ty hamenarany.

Chapter 4

¹Mijanjina, ty fampianara najanahary, anako e, sady miembena mba hahazanareo ty anovy hozao fahazavan-tsay. ²Manome fampianara soa anao zaho; ka mahafofy ty fampianarako. ³Tamy ty mbo naha-anaky ty babako ahy, mora fanahy sady anaky toka ty reniko iny, ⁴le nampianatsy ahy ie sady nivola tamiko hozao: "Engao ty fonao hitandraky maré safako rey; tandraho liliko rey le ho velo nareo. ⁵Mahazoa fahendrea noho fahazavan-tsay; ka manalino sady ka mandà safa ty vavako rey; ⁶ka afofy ty fahendrea sady hiemby anareo ie; tiavo ie le hiaro anareo. ⁷Ty fahendrea ro raha-bevata bibiky, ka le mahazoa fahendrea sady lanio ze anananareo iaby mba hahazoanareo fahazavan-tsay. ⁸Engao ho lalanao ty fahendrea ro hanondrotsy anareo ie; hanaja anareo ie laha mihina azy nareo. ⁹Hametsaky fonondoham-panaja anabo ty lohanareo eo ie; sady hanome anareo satso-boninahitsy soa tarehy." ¹⁰Mijanjina, anako e, sady embeno ty safako, le hana tao lako hiaina iha. ¹¹Hanoro lala anao amy ty lalam-pahendrea zaho; sady hitariky anao ho amy lala mahity rey zaho. ¹²Lafa mandeha iha, le tsy hisy olo hitsanga amy ty lalanao sady laha milay iha, le tsy ho heloky. ¹³Tandraho torolala rey, la enga handeha; tandraho, fa fiainanao zay. ¹⁴Ka manoriky ty lala ty raty fanahy sady ka mandeha manoriky ty lala ze manao raty rey. ¹⁵Ampilaiso zay, sady ka mandeha amy zay; mialà amy zay sady mandehana amy ty lala-hafa. ¹⁶Fa tsy afaky-miroro ndrozy zisiky-hananovany raty sady tsobo roro ndrozy zisiky-mampeloky azy olo. ¹⁷Fa ndrozy ro mihina ty mofo ty haratia sady mino ty divay ty heriloha. ¹⁸Fa ty lala ty olo-marina ro manahaky ty hazava velohany ze mihamazava; mamirapiratsy zay zisiky-hiavia ty andro mazava. ¹⁹Ty lala ty raty fanahy ro manahaky ty haiky---tsy hain-drozy ze mampeloky androzy. ²⁰Anako e, embeno ty safako; ahohirano amy ty safako ty sofinao. ²¹Ka enga hiala amy ty masonao rey; tandrano am-ponao ao zay. ²²Fa ty safako ro ay ho ahy ze mahita azy rey sady fahasalama ho ahy ty vatan-drozy raiky iaby. ²³Arovo ty fonao sady embeno amy ty fiembena iaby zay, fa baka amy zay ro hirotsaky ty loharanon'ay. ²⁴Alao aminao eo ty safa miviombio sady ty safa manimba lavitsy anao. ²⁵Engao ty masonao hanenty mahity noho dary mihintsy ty alohanao eo. ²⁶Manamboara lala mahity ho ahy ty tombokinao; le hilamy ty lalanao iaby. ²⁷Ka mivio ho amy ty ankavia ndra ankavana; halaviro amy ty raty ty tombonao.

Chapter 5

¹Anako e, embeno ty fahendreako; ahohirano amy ty fahazavan-tsaiko ty sofinao, ²mba hianatsy mikasiky ty failo iha sady hiaro fahaiza ty soninao. ³Fa ty sony ty ampela mpaheriloha mitete tantely sady ty vavany ro madoso noho ty solo-bonio, ⁴nefa amy farany any le hangily, anahaky ty hazo mahafaty ie, manapaky manahaky ty meso-bey maranitsy. ⁵Mijotsoa mana amy ty fahafatesa ty tombony any; sady ty liany mandeha ho amy ty Fiainan-tsy hita any. ⁶Tsy mihevitsy tyvlala ty fiaina ie. Miriorio ty lia-tomboky; sady tsy hainy ze andehanany. ⁷Amy zay, anako e, mijanjina Ahy; ka mivio amy ty fijanjina ty safa ty vavako. ⁸Halaviro azy ty lalanao sady ka manariny ty varavara ty tsanony. ⁹Amy zay le tsy hanome ty voninahitsinao amy ty hafa iha ndra ty tao iainanao ho ahy ty olon-doza-bey; ¹⁰tsy hifety amy ty hananao vahiny rey; sady ze fa niasanao lentsy ho avy an-tsano vahiny rey ao. ¹¹Amy ty fara ty androm-piainanao le hiay iha lafa hihaso ty nofotsinao noho ty vatanao. ¹²Hivola iha hozao: " Fe ty fahankahalako ty fampianara noho fananova ty foko tsy misy dikany ty fanitia! ¹³Tsy nanenky mpampianatsiko rey zaho ndra nampihorira ty sofiko tamy mpananatsy ahy rey. ¹⁴Fa rava tanteraky zaho tanivo ty egilizy eo, tamy ty fivoria ty olo eo." ¹⁵Minoma rano baka amy ty famorian-dranonao ao sady minoma rano mirotsaky baka amy ty lava-dranonao ao. ¹⁶Moa tokony hiboiboiky ndra aia ndra aia va ty loharanonao sady hirotsaky ankalamanjana eny ty loharanonao? ¹⁷Engao ho ahy nao raiky avao rey fa tsy ho ahy vahiny miaraky aminao rey. ¹⁸Ho voatahy lahy ty loharanonao sady engao hifaly amy ty valy ty fahatanoranao iha, ¹⁹fa diera mahate-ho tea ie sady osidia soa. Engao hahafa-po anao amy ty fotoa iaby ty nonony; engao ho mamamo ty fitiavany zisiky farany lahy iha. ²⁰Fa nanao akory iha, anako, ro tokony gadra ty ampela mahery loha; nanao akory iha ro tokony hamihy ty tsatsa ampela raty fandaism-bata rey? ²¹Mahita ty raha anovy ty olo iaby Yaveh sady manenty ty lala andehanany iaby. ²²Ty olo raty fanahy le azo ty fanasazia avao; foly ty fahotany rey ro hamehy azy maré. ²³Ho maty noho ty tsy fahampea ty fampianara ie; voatariky amy ty lala-diso any noho ty habey ty fahadalany ie.

Chapter 6

¹Anako e, laha nanoka ty jalanao ho antoky amy ty findrama ty namanao iha, laha nampanantena fampindrama-jala ho ahy ty olo tsy hainao iha, ²le fa nametsaky fandriky ho ahy ty vatanao tamy ty nampanantenanao iha, sady fa voasongitsy ty safa naboaky ty vavanao. ³Laha voasongotsy ty safanao iha, anako e, le anovo zao ka le vonjeo ty vatananao, safe fa lavo tan-tana ty namanao ro iha; mandehana ka le manetre-vata sady mangataha anila ty namanao eo. ⁴Ka enga hiroro ty masonao sady ka enga ho tandrena ty holitsy-masonao. ⁵Vonjeo ty vatanao manahaky ty gazela an-tana ty mpihaza eny, manahaky ty voro an-tana ty mpamandriky-voro eo. ⁶Hentao ty vitiky, olo-tsy tea, diniho ty fanoviny ka le hentao. ⁷Tsy mana komandy, mpifehy, ndra mpanapaky ie, ⁸nefa mamory ty haniny amy ty fahavaratsy sady anay ty fararano ro hanajariany ze hohaniny. ⁹Zisiky-ombia ro hiroroanao, olo-tsy tea? Ombia ro hifohazanao amy ty rorona? " ¹⁰Roro tsy ampy, fahatandrena ray ampy, famoretan-tana tsy ampy mba hiala vozaky"--- ¹¹sady le ho avy manahaky ty mpangalatsy ty fijaleanao ka le ty filànao manahaky ty maramila milanja fialia. ¹²Ty olo-vao---ty olo raty fanahy --- le miay amy ty fanasazia ty safany, ¹³mipi-maso, manome fahaiza amy ty tombony sady manondro amy ratsan-tanany rey. ¹⁴Manao tetiky-raty noho fitaky am-pony ao ie; manetsiky fifamalia zisiky farany ie. ¹⁵Laha zay le hahatsatsy azy tampoky ty lozany; anay ty fotoa tsy ampy ao le ho toro lavitsy ty fanafaha ie. ¹⁶Misy raha eny hala Yaveh, fito ze mampangoritsy Azy. ¹⁷Ty maso ty olo mpirengirengy, ty lela mpavandy, ty tana mpandatsaky-lilo ty olo tsy manan-tsiny, ¹⁸ty fo mamoro say-raty, ty tomboky ze malaky amy ty filaisa hanao raty, ¹⁹ty vavolombelo ze mampiboaky vandy sady mandraraky fialia amy ty rahalahiny eo. ²⁰Anako e, enkeo ty lily-babanao sady ka mahafofy ty fananaran-dreninao. ²¹Fehezo am-ponao ao zisiky farany rey; fehezo am-bozona eo rey. ²²Laha mandeha iha, le hitariky-lala anao rey; laha miroro iha, le hiemby anao rey; sady laha mifoha iha, le hampianatsy anao rey. ²³Fa fanilo ty lily, sady fahazava ty fampianara; anatsy ze baka amy ty fampianara rey ro lala ty fiaina. ²⁴Miaro anao amy ty ampela raty fandaisam-bata zay, amy ty safa malemy ty ampela raty fandaisam-bata. ²⁵Engao ty fonao tsy haniry ty hasoany sady ka enga hotea anao amy ty volokikinao ie. ²⁶Ty fiaraha-miroro amy ty mahery loha le sandrinao amy ty tapamofo, fa ty valy ty hafa le sandrinao amy ty ainao mihintsy. ²⁷Misy olo afaky manday afo an-tsatsany eo va ka le tsy mandoro ty salony? ²⁸Misy olo mahalia bonganafo va ka le tsy hitsiboky ty tombony? ²⁹Manahaky zay koa ty lahilahy miaraky-miroro amy valy ty namany; ze miaraky-miroro aminy le tsy ho afaky-amy zao avao. ³⁰Tsy hikizaky ty mpangalatsy ty olo laha mangalatsy mba hahafa-po ty filàny lafa mosary ie. ³¹Fa laha tsatsy koa ie, le hanonitsy im-pito heny ze nangalariny; tsy maintsy mamoy ty raha sarotsy iab an-tsanony ao ie. ³²Ze maheriloha le tsy misy say; ze manao zay le manimba ty vatany. ³³Ratsy noho henatsy ro maeva azy sady tsy ho voafafa ty fanalam-barakany. ³⁴Fa ty fahasarotam-piaro ro mampeloky ty lahilahy; tsy hampitoto famalozam-po ie lafa mamaly faty. ³⁵Tsy hanenky onitsy ie sady tsy ho voatamby, ndra le amea fanomeza lako aza.

Chapter 7

¹Anako e, embeno ty safako sady apitiho anainao ao rey. ²Embeno ty liliko mba ho velo iha sady embeno manahaky ty voamasonao ty fampianarako. ³Fehezo amy rantsan-tananao eo rey; sorato amy ty vato pisaky eo ty fonao rey. ⁴Volano ty fahendrea hozao: "Anabaviko iha," sady kaiho hoe longonao mariny ty fahazavan-tsay, ⁵mba hiembenanao ty vatanao amy ty ampela maheriloha, amy ty ampela raty fandaism-bata miarakany amy ty safany madoso. ⁶Tamy ty lafonety ty tsanoko eo ro nihita tambaliky any baka amy ty makarakara eo zaho. ⁷Nanenty olo kelikely say rey zaho, sady voamariky tamy tanora rey ty zatovo raiky tsy nisy say. ⁸Niala tamy ty lala-vato mariny ty kihon-dalany eo tovolahy rey, sady nahity nana an-tsanony any. ⁹Falifaly tamy zay, tamy ty andro hariva, noho tamy ty fotoa ty haly noho ty hariva. ¹⁰Nisy ampela nitsena azy, nisalotsy manahaky ty mparotdy-vata, ze mailo am-po. ¹¹Sady vavà ie ro maheriloha; tsy mahajano an-tsano ao ty tombokiny. ¹²Tsy ela tsy ela an-dala-vato eny, baka an-tsena eo, sady an-joron-tsano eny iaby eny ie ro mandiny mamitsaka. ¹³ka le nisaviky azy ie ka le nanoroky azy, tamy ty tarehy nisolantsola ro nivolaniny taminy hozao: ¹⁴"Nanao fanomezam-pilongoa zaho androany, nandoa voaliko rey zaho, ¹⁵ka le niboaky hitsena anao zaho, mba hila maré ty tarehinao, sady le nahita anao zaho. ¹⁶Fa namelatsy siky fisafora, rongony foty miloko baka Egipta any, tamy ty firoroako eo zaho. ¹⁷Fa nandrarahako miora, havozo, sady kanely ty firoroako. ¹⁸Avia, ndao tsika anatsiky fitea zisiky-maray; ndao tsika hangalaky fahafinareta amy ty fitiava. ¹⁹Fa tsy an-tsanony ao ty valiko; nanjary nivahiny lavitsy ie. ²⁰Nanday kitapom-jala niarakany taminy ie; himpoly ie amy ty fotoa ty fenomana." ²¹Tamy ty resa-bey ro nitaomany azy; tamy ty fadoso ty soniny ro namitahany azy. ²²Nandeha nanoriky azy baka afara tampoky manahaky ty aomby andesy ho vonoe, manahaky ty diara voasambotsy anay fandriky ie, zisiky-hhampitsatoky ty anaky-kititsy amy ty atiny eo. ²³Manahaky ty voro ze mitsoriaky ho amy ty fandriky eo. Tsy hainy fa hahafaty ty ainy zay. ²⁴Ka le mijanjy ahy nareo, anakilahiko; embeno safa ty vavako rey. ²⁵Engao tsy hivio amy ty lalany rey ahy ty fonareo; ka mivio amy lala-disony rey. ²⁶Nahalavo olo voatsoboky lako ie; lako le lako niazo ty fahafatesa azony rey. ²⁷Amy ty lala eny mana amy ty Fiainan-tsy hita any ty tsanony; mijotso mana amy ty efitsano firoroa maiky ty fahafatesa any ndrozy

Chapter 8

¹Tsy mikaiky maré va ty Fahendrea? Tsy mampiaka-peo va ty Fahazavan-tsay? ²Amy anabo-vohitsy mariny ty lala rey eo, amy ty sampanan-dala rey ao, ro hitsangana ty Fahendrea . ³Aloha vavahady eo amy ty filira mana an-tana ao any, amy ty filira mana an-tana ao, ro hikaihany.⁴"Nareo, olo lako e, ro kaihiko; ty feoko ro ho ahy anak'olombelo rey. ⁵Nareo ze gadra, mianara fahendrea; sady nareo ze adala, manà fahazavan-tsay nareo. ⁶Janjino, safe miresaky raha maeva-hajà zaho, sady lafa mivoha ty soniko le hivola raha marina zaho. ⁷Fa ty vavako mivola ze maeva-atokisa, sady ty faharatia mampangoritsy ty soniko.⁸Ty safa ty vavako iaby ro marina; tsy nisy miolakolaky ndra fitaky amy rey. ⁹Mahity ho ahy ty olo ze mahatakatsy androzy; safako rey le marina ho ahy ze mahita fahaiza rey.¹⁰Mandrambesa ty fampianarako fa tsy ty volafoty; mandraisa fahaiza fa tsy ty volamena tsy miharo. ¹¹Fa soa noho ty ravaky ty Fahendrea; tsy misy hanana mitovy aminy.¹²Zaho, Fahendrea, le mpiara-mipetsaky amy ty Fiembena, sady mana fahaiza noho failo. ¹³Ty tahotsy an'Yaveh le mba halay ty raty. Hejiko ty firengirengy noho fiavonavo, ty fomba raty, noho ty safa raty. Hejiko rey.¹⁴Mana torohevitsy soa noho fahendrea marina zaho; lalin-tsay zaho; ahy ty hery. ¹⁵Amy ty lalako ro anjaka ty mpanjaka rey ---lahilahy manan-kaja rey avao koa, noho ty iaby ze mifehy amy ty fahamarina. ¹⁶Amy ty alalako ro anapaha ty lahilahy lako rey, manan-kaja rey, noho ty iaby ze mifehy amy ty fahamarina.¹⁷Teako ze tea ahy, sady ze mila ahy maré rey, le hahita ahy. ¹⁸Amiko ao ty hanana noho voninahitsy, hanana ela sady fahamarina.¹⁹Ty vokatsiko ro soa noho ty volamena, eka ndra volamena soa bibiky aza; soa noho ty volafoty malio ty vokatsiko. ²⁰Mandeha amy ty lala ty fahamarina, anivo ty lala ty marina rey zaho. ²¹Vokatsy zay, le anoviko mandova hanana ze tea ahy rey; atsehiko ty fanajarian-drakitsin-drozy.²²Niteza ahy Yaveh tamy ty velohany, ty asany velohany tamy zay. ²³Taloha ela bey le sady zaho---zisiky am-belohany any, ke zisiky amy ty veloha ty tany.²⁴Taloha ty niasa ty riaky, le teraky zaho---taloha ty nahatondraky rano loharano rey. ²⁵Taloha ty nametsaha vohitsy rey sady taloha ty vohitsy, ro teraky zaho.²⁶Fa teraky zaho taloha ty nitezan-Janahary ty tany ndra ty baibo, fa ndra le ty lemboky velohany eny tamy ty tany toy iaby aza. ²⁷Fa teo zaho tamy mbo nametsaha ty lanitsy Ie, tamy Ie mbo nanoritsy boribory tamy ty faritsy ty laliky any.²⁸Fa teo zaho tamy Ie mbo nametsaky ty raho anabo sady tamy mbo namboariny rey ty loharano tamy ty laliky any.²⁹Fa te zaho tamy Ie mbo namaritsy ty fatsa ty riaky, ka le tsy nandilatsy ty fibekoany rano rey, sady tamy mbo namarita ty fanamboara ty tany maiky.³⁰Mpanao asa tana tena mahay tanilany eo zaho; zaho ro fifaleany isan'andro san'andro, mifaly zisiky farany talohany eo zaho. ³¹Nifaly tamy ty tonotolony ao iaby zaho, sady ty fifaleako ro tamy anak'olombelovrey.³²Amy zao, anako, mijanjina ahy, fa ze miemby lalako rey ro ho voatahy. ³³Mijanjina ty fampianarako ka le henteo; la manao tsy misy dikany zay. ³⁴Ze mijanjy ahy le ho voatahy. Hiemby isan'andro am-baravarako eo ie, mandiny mariny ty tsangatsanga varavarako rey.³⁵Fa ndra ia ndra ia mahita ahy, le mahita fiaina, sady hahita sitsaky amin-Janahary ie. ³⁶Fa ie ze tsy nahita, le manimba ty ainy avao; iaby ze malay ahy rey ro tea fahafatesa."

Chapter 9

¹Namboatsy ty tsanony manoka ty fahendrea; nanao asa sokitsy andry fito baka amy ty lafiam-bato ie. ²Namono bibiny reylie; nampiharo ty divainy ie; sady nametsaky ty latabatsy. ³Naniraky mpiasa an-tsanony rey ie; nikaiky tamy toera abo bibiky ty tanà rey eny ie hozao: ⁴"Ia ro bado? Engao ie hamonjy etoy!" Ho ahy ze tsy ampy say soa ro nivolanany. ⁵"Avia, hano ty haniko, sady inomo ty divay niharoko. ⁶Ialao fihetsiko bado rey sady miveloma; mandehana amy ty lala ty fahazavan-tsay. ⁷Ndra ia ndra ia mananatsy ty mpandratriaty le handramby fananaraotsy; sady ndra ia ndra ia hivola maré ty raty fanahy le handramby fandratiandratia rey. ⁸Ka menatsy ty mpandratriaty, laha tsy zay le halany iha; ⁹anaro ty olo-hendry, le ho teany iha. Manomeza ty olo-hendry, ke hanjary hendry vatany ie; ampianaro ty olo-marina, le hanampy ty fianarany ie. ¹⁰Ty fahatanora an'Yaveh ro fanomboham-pahendrea, sady ty fahaiza Azy Masy iny ro fahazavan-tsay. ¹¹Fa amy ty alalako ro hihalakoa ty andronao; sady hampeako tao lako ty fiainanao. ¹²Laha hendry iha, le gendry ho ahy ty vatanao avao, sady laha mandratriaty iha, le handay zay amy ty vatanao avao. ¹³Ty ampela ty adala ro tsy mahay, tsy niteza ie sady tsy mahay ndra ino ndra ino. ¹⁴Mipetsaky am-baravara ty tsanony eo ie; amy ty seza amy ty toera abo bibiky eo amy ty tanà. ¹⁵Mikaiky ze mandalo amy lala rey ie, amy ty olo ze mandeha mahity amy ty lalan-drozy. ¹⁶"Ndra ia ndra ia engao ie himpoly eto ndraiky," hoy ie amy ze tsy misy say rey. ¹⁷"Mamy ty rano nangalany, sady matavy ty mofo ty tsiambaratelo." ¹⁸Fa tsy hainy fa ty maty any, fa vahiny nihafariny rey ro amy ty hala ty Fiainan-tsy hita any.

Chapter 10

¹Ohabola i Solomona. Ty anaky hendry mahafaly ty babany fa ty anaky adala manday alahelo ho ahy ty reniny. ²Ty hanana navory tamy ty faharatia ro tsy manan-danja, fa ty fananova ty marina ro miaro anao amy ty fahafatesa. ³Tsy engà Yaveh ho mosary ty fanahy ty olo-marina, fa mandrava faniria ty raty fanahy rey Ie. ⁴Ty tana kamo ro antony mampijaly ty olo, fa ty tana ty olo mazoto mahazo hanana. ⁵Ty anaky hendry mamory vokatsy amy ty fahavaratsy, fa mahamenatsy azy ty miroro anay ty fambolea. ⁶Fanomeza baka amin-Janahary rey ro amy ty loha ty olo-marina rey, fa ty vava ty raty fanahy ro mirakotsy heriloha. ⁷Ty olo-marina mampifaly ze mahatiaro azy rey, fa ty anara ty raty fanahy ro ho lo. ⁸Ze hendry rey nanenky lily rey, fa ty adala mahay vava le ho rava. ⁹Ie ze mandeha am-pahamarina ro mandeha am-pilamina, fa ze manao ty lalany ho meloky, le ho hita. ¹⁰Ie ze mipi-maso le hahavy alahelo, fa ty adala maré resaky le halavo. ¹¹Ty vava ty olo marina le loharanon'ay, fa ty vava ty raty fanahy le mirakotsy heriloha. ¹²Ty fankahalá manestika aly, fa ty fiava masaro ty fahadisoa iaby. ¹³Hita amy ty sony ty olo mana-tsary ty fahendrea, fa tapa-kazo ro ho amy th lambosy ty tsy misy say. ¹⁴Ty olo hendry le manajary fahaiza, fa ty vava ty adala handay fijalea hanariny. ¹⁵Ty hana ty olobman-kanana le ty tanà mahery famboarany; ty fijalea ty mijaly ro fijalean-drozy. ¹⁶Manday ho amy ty fiaina ty karama ty olo-marina; ty tombony azo ty raty fanahy le manday androzy ho amy ty fahota. ¹⁷Misy lala mana amy ty fiaina ho ahy ze manoriky ty fitsipi-pifeheza any, fa ze mandà fanasazia le mandeha amy ty lalan-diso. ¹⁸Ze mamony falaina le mana sony mpavandy, sady ze mampiparitaky endrikendriky ro adala. ¹⁹Laha misy safa lako, le tsy iala ty heloky, fa ze miemby ze volaniny ro hendry. ²⁰Volafoty niranity ty lela ty olo-marina; ray le nisy lanjany ty am-po ty raty fanahy ao. ²¹Ty sony ty olo-marina mamelo ty lako, fa maty ty adala noho ty tsy fahamoean-drozy say. ²²Ty fanomeza soa baka amy Yaveh ro manday hana sady tsy ampeany faharary zay. ²³Fisà fanovy ty adala ty fananovan-draty, fa ty fahendrea ro fahafinareta ty olo mana fahazavan-tsary. ²⁴Ty tahotsy ty olo raty fanahy ro hahava azy, fa ty faniria ty olo-marina le hamea azy. ²⁵Ty raty fanahy ro manahaky ty talio ze mandalo, sady tsy ro sasy ndrozy, fa ty olo marina ro fototsy ze ela zisiky farany. ²⁶Manahaky ty vinegira amy ty hý eo sady setsoky amy ty maso eo, le mba manahaky zay koa ty tsy tea maniraky azy. ²⁷Ty tahotsy an'Yaveh ro maha ela velo, fa ty tao ty mpanao raty ro ho bory. ²⁸Ty fanantena ty olo-marina ro fifalean-drozy, fa ty tao ty raty fanahy ro ho bory. ²⁹Ty lala Yaveh le miaro ze marina rey, fa fandrava ho ahy ty raty fanahy zay. ³⁰Ty olo marina tsy ho rava zisiky farany, fa ty raty fanahy le tsy hipetsaky amy ty tany. ³¹Bakeo amy ty vava ty olo marina ao ro iavia ty vokatsy ty fahendrea, fa ty lela mpavandy le hambota. ³²Ty sony ty olo marina malay ze mety, fa ty vava ty raty fanahy, malay ze fitaky.

Chapter 11

¹Hala Yaveh manenty ze tsy marina, fa mankasitsaky ty lanja marina ie. ²Laha avy ty firengerengea, le baka ty fanalam-baraka, fa amy ty fampizotsoam-bata, ro hiavia ty fahendrea. ³Ty tsy fivaliha ty mahity ro mitari-dalà androzy, fa ty lalà-meloky ty mpivaliky ro mamotiky androzy. ⁴Raha-tsy misy ty hanana amy ty andro ty fahalaginy, fa ty fananova ty marina le miaro anao amy ty fahafatesa. ⁵Ty fandaisam-bata marina tsy manan-tsiny le mampahity ty lalàny, fa ty raty fanahy le ho lova noho ty haratiam-panahiny avao. ⁶Ty fandaisam-bata soa ze mahafaly an-Janahary le miaro azy, fa ty mpivaliky ro voafandriky ty filan-drozy. ⁷Lafa maty ty olo raty fanahy, le rava ty fanantena sady ty fanantena sady ty fanantena ze tamy ty tanjakiny ao le nanjary raha-avao. ⁸Ty olo-marina arova lavitsy ty fijalea fa nanjary amy ty raty fanahy koa zay. ⁹Amy ty vavany ro amoteha ty mpandratriky ty namany, fa amy ty fahaiza ro iarova ty olo-marina. ¹⁰Lafa tahiny ty olo-marina, le manao fety ty tanà; lafa rava ty raty fanahy, le misy hiakam-pifalea. ¹¹Amy ty alala ty fanomezan-tsoa ze ahy mahafaly an-Janahary rey, ro mahavy ty tanà ho bevata; amy ty va a ty raty fanahy, ro hahatoro ty tanà. ¹²Ty olo ze mikizaky ty namany ro tsy misy say, fa ty olo mana fahazavan-tsary ro tsy mivola. ¹³Ze iaby mandeha amy ty fanendrekendrehana ro mamokaky tsimbaratelo, fa ty olo matoky ro mitandraky ty raharaha raiky hisaro. ¹⁴Laha tsy misy mpanday hendry, le hirobaky ty firenea, fa ty fandreseana ro nanjary amy ty enta hevitsy amy ty mpanome-say lako. ¹⁵Ndra ia ndra ia miantoky findrama-jala ho ahy ty vahiny le hijaly maré vatany, fa ty raiky ze malay ty fanomeza antoky amy karaza toky zay ro voaaro, ¹⁶Ty ampela soa fanahy ro mahazo voninahitsy, fa ty olo masiaky tea hanana. ¹⁷Ty olo soa fanahy manome tombony ho ahy ty vatany, fa ty raiky ze lozabey mandratsy ty vatany. ¹⁸Ty olo raty fanahy ro mavandy mba hahazoany ty karamany, fa ty raiky ze mandraraky le mamboly ty karama ty fahamarina. ¹⁹Ty olo marina ze manao ty mety ro ho velo, fa ty raiky ze manoriky ty raty ro ho maty. ²⁰Yaveh malay ze mana fo mivaliky rey, fa mankasitsaky ze mandeha tsy manan-tsiny rey Ie. ²¹Zao ro anovo azo antoky--- ty olo raty fanahy ro tsy ho afaky amy zao, fa tariha ty olo-marina rey ro ho voaaro. ²²Ty ampela soa tarehy tsy misy failoa le manahaky ty kavim-bolamena amy ty oron-koso eo. ²³Ty faniria ty olo-marina mifara amy ty soa, fa halaginy avao ro azo ty olo raty fanahy antenay. ²⁴Misy ze mandraraky voa---mahavao-ombotsy lako lavitsy ie; ty hafa tsy mandraraky---le avy amy ty fijalea ie. ²⁵Ty olo mahay-tana le hotahy sady ty raiky ze manome rano ho ahy ty hafa le hana rano ho ahy ty vatany. ²⁶Ozony ty olo ty lahilahy ze mandà tsy hamarotsy voa, fa fanomezan-tsoa rey ro satso-boninahitsy ty loha ze mamarotsy zay. ²⁷Ze mila maré ty soa le mila sitsaky avao koa, fa ty raiky ze mila ty raty ro hahita zay. ²⁸Ze mitoky amy ty hananany rey ro ho lavo, fa manahaky ty ravy, ro hamokara ty olo-marina. ²⁹Ze manday koronta amy ty longony so avao ro handova tsioky sady ty adala ro hanjary mpiasa ty hendry am-po. ³⁰Ty olo-marina ro hanahaky ty hazon'ay, fa ty heriloha mangalaky ay. ³¹Ingo! Ty olo-marina mandramby ze sahaza azy; vo maiky fa ty raty fanahy noho ty mpanota!

Chapter 12

¹Ndra ia ndra ia tea fananars le tea fahaiza, fa gegy ze malay fanitia. ²Yaveh le manome sitsaky ty olo soa, fa meloky ty olo ze manao tetiky-raty le, ³Ty olo ro tsy ho tafapetraky amy ty faharatia, fa ty olo-marina tsy afaky hombota. ⁴Ty valy maeva ro satso-boninahitsy ty valiny, fa ze manday henatsy ro ty arety ze maha-lo ty taolany. ⁵Mahity ty fikasa ty marina, fa mamitaky ty toro-hevitsy ty raty. ⁶Ty safa ty olo raty fanahy ro hotsoky mandiny vinta hamonoa, fa ty safa ty mahity koa ro miaro androzy. ⁷Ty olo raty fanahy ro ombota sady nandeha ndrozy, fa ty tsano ty olo-marina koa ro hitsanga. ⁸Tompoe amy ty halakoa ty fahendrea hanana ty olo, fa ze manao fitingina raty koa ro anovy tsy misy dikany. ⁹Soa vatany ty mana toera tsy manan-danja--- mpiasa zao--- noho ty mirengirengy amy ty manambonianao nefa tsy manan-kohany. ¹⁰Ty olo-marina ro miahhy ty mikasiky filà ty bibiny rey, fa ndra le ty fangoram-po ty raty fanahy aza le lozabey. ¹¹Ze miasa ty taniny le hanasa hany bey, fa ndra ia ndra ia mania tetikasa tsy misy dikany rey koa le tsy misy say. ¹²Ty olo raty fanahy maniry ze nangalary ty olo-raty tamy ty hafa, fa ty vokatsy ty olo-marina koa ro baka amy ty safan-drozy avao. ¹³Ty olo-raty ro voafandriky ty resan-dratiny, fa ty olo-marina koa ro milay ty olo. ¹⁴Baka amy ty vokatsy ty safany ro maha-atsiky raha-soa ty olo, manahaky ty hamalea ty asa ty tanany soa azy avao. ¹⁵Ty lala ty adala ro marina amasony eo avao, fa ty olo-hendry koa mijanjy torohevitsy. ¹⁶Ty adala ro mampitoro ty helokiny am-belohany, fa ze tsy midary fandratria koa ro mailo. ¹⁷Ze mivola ty marina ro mivola ze rariny, fa ty fitsangana vavolombelo diso koa mivola vandy. ¹⁸Ty safa ze miresaky an-kameha le manahaky fanindroe ty meso-bey, fa manday fanafaha koa ty lela ty hendry. ¹⁹Ty sony marina ro ela zisiky farany, fa ty lela mpavandy koa ho amy ty fotoa tsy ampy avao. ²⁰Misy fitaky am-po ze manao tetiky-raty rey, fa hafalea koa ro baka amy mpanome-say fiadana rey. ²¹Tsy misy arety niavy amy ty olo-marina, fa ty olo raty fanahy koa atsiky raha mahazo azy. ²²Malay ty sony mavandy Yaveh, fa ze miay amp-atokisa rey koa ro sitsakiny. ²³Mamony ty fahaizany ty olo hendry, fa ty fo ty adala koa mihoaky fahadala. ²⁴Ty tana ty mazoto ro hanapaky, fa ty olo kamo koa akeca manao asa forosé. ²⁵Ty fanahia am-po ty olo mampiondriky azy ao, fa ty safa soa koa mahafaly azy. ²⁶Ty olo-marina ro mpitariky-lia ho ahy ty namany, fa ty lala ty raty fanahy mitariky androzy amy ty lala-diso. ²⁷Ty olo kamo ro tsy hamonjy ty hazan-drozy, fa ty olo mazoto koa hahazo hanana sarotsy. ²⁸Ze mandeha amy ty lala-marina rey ro mahita fiaina sady tsy misy fahafatesa ty lala zay.

Chapter 13

¹Maharé ty fampianara ty babany ty anaky hendry, fa ty mpikizaky ro tsy mijanjy heloky. ²Baka amy ty vokatsy ty vavany ro isitsiha ty olo raha-soa rey, fa ty mpangalak'apitaky ro ho ahy ty heriloha. ³Ze miemby ty vavany ro miaro ty ainy, fa ze misanasana vava ro handrava ty vatany avao. ⁴Ty homa olo kamo rey ro matiry nefa tsy mahazo ndra ino ndra ino, fa ty homa ty olo mazoto ro ho afa-po tanteraky. ⁵Olo marina rey ro malay ty vandy, fa ty olo raty fanahy ro manao ty vatany ho mampangoritsy, sady manao ze mahamenatsy ie. ⁶Ty fahamarina ro miaro ze tsy misy tsiny amy ty lalany rey, fa ty haratia mampivaliky ze manota rey. ⁷Misy olo mahampanan-kanana ty vatany, nefa tsy mana ndra ino ndra ino mihintsy sady misy olo mahafoy ty raha-iaby, nefa tena manan-kanana. ⁸Ty olo vaiky ty ay ty olo manan-kanana ro ty hananany, fa ty olo mijaly tsy mahare fampitahora. ⁹Mifalifaly ty hazava ty olo-marina, fa ty jiro ty raty fanahy ro ho vonoe. ¹⁰Fifamalia avao ro nateraky ty avonavo, fa ho ze mijanjy torohevitsy soa rey ro misy fahendrea. ¹¹Hihena ty hanana lafa bey maré ty raha-tsy misy, fa azy raiky ze mihary jala iaby ty asa ty tanany iny ro hampitombo ty jalany. ¹²Lafa mihemotsy ty fanantena, le mamparary fo zay, fa ty faniria tanteraky ro hazon'ay. ¹³Ze malay ty fampianara ro mbo hoazo zay, fa ze manaja ty lily ro hahazo valisoa. ¹⁴Ty fampianara ty olo-hendry ro loharanon'ay, mangalaky anao amy ty fandriky ty fahafatesa. ¹⁵Ty fiembena soa ro azahoa fitea, fa ty lala ty mpamaliky tsy ho tampitsy zisiky farany. ¹⁶Ty olo mailo ro mandramby ty fanapaha-kevitsy iaby amy ty fahaiza, fa ty adala ro mampisehoseho ty hadalany. ¹⁷Ty iraky raty fanahy ho latsaky anay fijalea, fa ty iraky matoky manday filongoa. ¹⁸Ze tsy midary fampianara hijaly noho ho menatsy, fa ty voninahitsy ro hoavy amy ze mianatsy amy ty fanitia. ¹⁹Ty fanitia tanteraky mamy ty fo, fa ty adala malay ty fiala amy ty raty. ²⁰Miaraha lala amy ty olo- hendry le ho hendry iha, fa ty mama ty adala ro hijale amy ty raty. ²¹Mania ty mpanota ty loza, fa ty olo-marina ro amea valisoa amy ty soa. ²²Manenga lova ho ahy ty zafiny ty olo soa, fa ty hanana ty mpanota ro voahajary ho ahy ty olo-marina. ²³Ty baibo tsy mbo niasa ty mijaly rey ro afaky mamoha hany lako, fa voafafa amy ty tsy rariny zay. ²⁴Ze tsy maintsy ty anany ro malay azy, fa zectea ty anany ro miemby ty hampianatsy azy soa. ²⁵Ty olo-marina ro hihina zisiky-hahavintsy, fa ty sarotsy ty raty fanahy ro ho mosary zisiky farany.

Chapter 14

¹Ty ampela hendry mampitsanga ty tsanony, fa ty ampela adala mandrava zay amy ty tanany avao. ²Ze mandeha am-pahitia ro matahotsy an'Yaveh, fa ze tsy marina amy ty lalany ro manao tsy misy dikany Azy. ³Amy ty va a ty adala ro hiavia ty timoky ty firengerengeany, fa ty sony ty hendry hiaro androzy. ⁴Amy ze tsy misy biby fihary any ro malio ty tavy fihinana, fa bey ty vokatsy mety ho avy amy ty tanjaky ty aomby. ⁵Ty vavolombelo matoky ro tsy mavandy, fa ty vavolombelo sandoky mampiboaky vandy. ⁶Mila fahendrea ty mpikizaky fa tsy mahita, fa hanjary mora avao amy ze manan-tsay ty fahalala. ⁷Mialà amy ty olo adala, fa tsy hahita fahalala amy ty soniny eo iha. ⁸Ty fahendrea ho ahy ty olo mailo le ty mahatakatsy ty lalany avao, fa ty fahadala ty adala ro fitaky. ⁹Mikizaky adala rey lafa voasoro ty fanomeza noho ty heloky, fa voazara amy ty mahity ro ty fankasitraha rey. ¹⁰Ty fo mahay ty fangily sady tsy misy vahiny mizara ty hafaleany. ¹¹Hotoro ty tsano ty olo raty fanahy fa handrombo ty lay ty olo-mahity. ¹²Misy lala ze manahaky ty marina amy ty olo eo, fa ty farany avao ro mitariky amy ty fahafatesa. ¹³Afaky mihehy ty fo nefa maharary sady mety hiafara amy ty alahelo ty hafalea. ¹⁴Ze tsy matoky ro hahazo ze maeva ty lalany, fa ty olo soa hahazo ze azy. ¹⁵Ze teo ro mino raha iaby, fa ty olo mailo koa mandiniky ty liany rey. ¹⁶Matahora ty olo hendry sady miala amy ty raty, fa ty adala koa mandà fampiembenana amy ty toky. ¹⁷Ze malaky meloky ro manao raha adaladala, sady ty olo ze manao tetiky-raty ro tsy tiavy. ¹⁸Ty tea ro mandova fahadala, fa ty olo-hendry koa ho satsohim-boninahitsy amy ty fahaiza. ¹⁹Ty olo-raty handohaliky aloha ze soa eo sady ze raty fanahy handohaliky amy vavahady ty olo-marina eo. ²⁰Tsy tiavy ty olo-mijaly ndra ty namany rey avao aza, fa ty olo manan-kanana mana-nama lako. ²¹Ze mampitoro ty namany ro manonta, fa sambatsy ze mampitoro fankasitraha amy ty mijaly. ²²Tsy ze manao tetiky-raty rey va ro mandeha amy ty hevitsy-diso? Ta ze mieritseritsy ty hanao ty soa ro hahazo fanenkea mahatoky noho fahendream-pitokisa. ²³Baka amy ty asa mahery iaby ro hiavia ty tombony, fa laha resaky avao, le mitariky ho amy ty fijalea zay. ²⁴Satso-boninahitsy ty olo-hendry ty hananany, fa ty adala adala manday hadala rey fanampiny rozy avao. ²⁵Ty vavolombelo marina manavotsy ay, fa ty vavolombelo sandoky mampiboaky vandy. ²⁶Lafa matahotsy an'Yaveh ty olo raiky, le mana fahatokisa lako aminy avao koa ie; raha rey ro hanahaky ty toera fiarova mahery ho ahy anaky lahilahy zay. ²⁷Ty hatanora an'Yaveh ro loharanon'ay, mba hahafaha ty olo miala amy ty fandriky ty fahafatesa rey. ²⁸Hita amy ty halakoa ty olo lakony ty voninahitsy ty mpanjaka, fa laha tsy misy olo lako le rava ty halakoany. ²⁹Ty olo ela ro mana fahaiza bevata, fa tyvolo malaky meloky manondrotsy hadala. ³⁰Ty fo milamy ro ay ho ahy ty vata, fa ty fialona ro maha-lo ty taola. ³¹Ze mampijaly ty mijaly ro manozo ty Mpamoro azy, fa ze raiky manoro fankasitraha amy ty alahelo manome voninahitsy azy. ³²Ty olo raty fanahy ro hajotso asa-ratiny rey, fa ty olo-marina ro hanam-pialofa ndra amy ty fahafatesa aza. ³³Ty fahendrea mipetsaky am-po ty mahay ao, fa ndra le amy adala rey aza le engany ho hay ty aminy. ³⁴Ty fananova ze marina ro manondrotsy firenea, fa ty fahota ro fanalam-baraka ho ahy ty olo iaby. ³⁵Ty fankasitraha ty mpanjaka ro miarakany amy ty mpiasa ze miasa am-piembena, fa ty helokiny ro ho ahy ze miasa am-pahanenara.

Chapter 15

¹Ty valin-tsafa malemy ro mamily ty heloky, fa ty safa masiaky manetsiky fahasosora. ²Ty lela ty hendry mandoky fahaiza, fa ty vava ty adala koa mandraraky fahaiza. ³Fa amy zao iaby ty maso Yaveh, mandiniky ty raty noho ty soa. ⁴Ty lela manafaky ty hazon'ay, fa ty lela mpamitaky le manototoro ty fanahy. ⁵Ty adala mikiza ty fananara-babany, fa ze mandramby ty fanarena ro mailo. ⁶An-tsano ty olo-marina ao ro misy hanana lako, fa filira-jala ty raty fanahy manome fijalea azy. ⁷Ty sony ty hendry mampiparitsy fahaiza, fa tsy mbo manahaky zay koa ty fo adala rey. ⁸Malay ty soro olo raty fanahy rey Yaveh, fa fahafinaretany koa ty vavaky ty olo mahity. ⁹Malay ty fomba olo raty fanahy rey Yaveh, fa tea azy raiky ze manoriky ty marina Ie. ¹⁰Mandiny ty olo ze mahafofy ty lala ty sazy mahery sady ze malay fanasazia le ho maty. ¹¹Ty Fiainan-tsy hita noho fandrava aza mivoha anila Yaveh eo; ka le vo maiky fa ty fo ty anak'olombelo? ¹²Ty mpikizaky sosotsy amy ty fananara azy; tsy handeha amy ty hendry any ie. ¹³Ty fo falifaly mahamarina tu terehy, fa ty aretim-po koa manorotoro ty fanahy. ¹⁴Ty fo ty manan-tsay mila fahaiza, fa ty vava adala homa fahadala rey avao. ¹⁵Alahelo iaby andro ty mijaly iaby rey, fa ty fo misimosimo ro fanasa tsy misy fijanona. ¹⁶Aleo kelikely amy ty tahotsy an'Yaveh ro zay hanana-bevata amy ty ahiahy. ¹⁷Aleo vatany hany misy tsaka ze misy fitiava to zay aomby mifehy atosiky am-pahaiza. ¹⁸Ty olo mora meloky manetsiky aly, fa ty olo ze mahatindry fo mampijano fialia. ¹⁹Ty lala ty kamo ro manahaky ty toera misy vala fatiky, fa ty lala ty mahity ro lala-bey vita voatsy soa. ²⁰Ty anaky hendry ro manday fifalea ho ahy ty babany, fa ty olo adala manao tsy misy dikany ty reniny. ²¹Soasoa ty olo tsy ampy say ty adala, fa ze mana fahazavan-tsay mandeha amy ty lala-mahity. ²²Mandamoky testify rey lafa tsy misy torohevitsy, fe lafa miarakany amy ty mpanome-say lako ro nimety rey. ²³Mahita hafalea ty olo raiky lafa manome valiny mahafa-po ie; henteo ty hasoa ty safa ze voavola ara-potoa! ²⁴Manday miakatsy ho ahy ty olo-hendry ty lala ty fiaina, mba hialan-drozy amy ty Fiainan-tsy hita ambany any. ²⁵Ho toroe Yaveh ty lova ty mpirengirengy, fa miaro ty fanana ty mpandaivata koa Ie. ²⁶Malay ty fisaina olo raty fanahy rey Yaveh, fa safa ty hasoam-panahy rey ro malio. ²⁷Mandaisa raha raty ho ahy ty longony ty mpangalatsy, fa ty olo ze malay olo ro ho velo. ²⁸Ty fo ty marina ro misaintsay aloha ty hamaleany, fa ty vava ty raty fanahy koa miboiboiky ty tay aminy ao. ²⁹Lavitsy raty fanahy Yaveh rey, fa maharé ty vavaky ty olo-marina koa Ie. ³⁰Ty fahazava ty maso manday fifalea ho ahy ty fo sady ty vaovao soa ro fahasalama ahy ty vata. ³¹Laha manenky iha lafa manary ty fomba fiainanao ty olo, le hipetsaky amy olo hendry rey eo iha. ³²Ze mandà fanasazia ro manao tsy misy dikany ty vatany, fa ze mijanjy anatsy koa ro mahazo fahazavan-tsay. ³³Mampianatsy fahendrea ty tahotsy an'Yaveh sady fijanona ro aloha ty voninahitsy.

Chapter 16

¹Ahy ty olo ty fikasa ty fo, fa baka amy Yaveh ty valin-tsafa baka amy ty lelany. ²Malio amasony eo avao ty lala ty olo iaby, fa Yaveh ro mandanja ty fanahy. ³Ankino amy Yaveh ty asanao le ho mety ze anovinao. ⁴Nanovy Yaveh ho amy ty antony iaby ty raha iaby, ndra raty fanahy aza le ho amy ty androm-pijalea. ⁵Yaveh malay ty olo iaby ze manao fo miavonavo, azo antoky fa tsy ho afaky-amy zao avao reny. ⁶Amy ty tsy fivaliham-panenkea noho fahendream-pitokisa ro hanavota amy ty heloky sady amy ty tahotsy an'Yaveh ro hiala ty olo amy ty raty. ⁷Lafa ankasitraha Yaveh ty lala ty olo raiky, ndra fahavalo olo zay aza le anoviny milongo aminy. ⁸Aleo kelikely amy ty fahamarina, to zay jala bey amy ty tsy rariny. ⁹Am-pony ao ro amitiha ty olo ty lalany, fa Yaveh ro mpampitohy ty liany. ¹⁰Fanapaha-kevitsy laliky ro amy ty soniny eo ty mpanjaka, ty vavany ro tsy mba hamaliky ty rariny. ¹¹Baka amy Yaveh ty fandan-ja marina; ty lanja iaby amy ty kitapo ao ro asany iaby. ¹²Lafa manao raha-raty ty mpanjaka, le tokony ho raha hanovy tsy misy dikany zay, safe ty seza fipetraha le miory amy ty fanova ty marina. ¹³Faly amy ty sony mivola ty marina ty mpanjaka sady teany ty olo ze mivola mahity. ¹⁴Ty halaginy ty mpanjaka ro raiky ty fahafatesa fa ty olo-hendry koa ro hiezaky hampieny ty helokiny. ¹⁵Amy ty heloky ty tarehy ty mpanjaka ao ro baibo amy ty raho ze manday oran-dohatao. ¹⁶Hentao ty hasoa ty fahazoa fahendrea mandilatsy lavitsy noho ty volamena. Aleo mitingy ty hahazo fahazavan-tsay to zay volafoty. ¹⁷Ty lalam-bey ty olo-marina le miala amy ty raty; ze miaro ty ainy ro miemby ty lalany. ¹⁸Baka aloha ty faharava ty firengirengy sady ty fanahy mirvotsevoetsy aloha ty fahatontà. ¹⁹Soa vatany ty mampijotso-vata amy olo mijaly rey eo to zay mizara ze nifehezy amy ty olo mpirengirengy. ²⁰Ze iaby mahazo ze nampianary androzy le hahita soa, sady ze mitoky amy Yaveh rey le ho voatahy. ²¹Ze hendry am-po ro kaihy hoe manan-tsay sady ty hamamy ty safa ro mampivoatsy ty fahaiza-mampianatsy. ²²Ty fahazavan-tsay ro loharanon'ay ho ahy ze mana zay, fa ty fampianara ty adala le ty hadalany. ²³Ty fo ty olo-hendry manome say ty vavany sady manampy fandresean-dahatsy ty soniny. ²⁴Papon-tantely ty safa soasoa--- mamy amy ty fanahy sady fanafaha ho ahy ty taola. ²⁵Misy lala ze manahaky ty marina amy ty olo, fa ty fiafarany ro lala mana amy ty fahafatesa any. ²⁶Ty homa ty mpiasa ro miasa ho azy; ty hamosary ro manoriky azy. ²⁷Ty olo tsy misy dikany ro mihaly sompatsy sady ty safany ro manahaky ty afo mandoro. ²⁸Ty olo raty fandaism-bata manetsiky aly sady ty mpitsiko mampisaraky ty mpinama mariny. ²⁹Ty olo maheriloha le mavandy amy ty namany sady mampivary azy amy ty lala ze tsy soa. ³⁰Ze mipi-maso ro mitetiky raha raty; ze manenky-sony ro mampanalo ty raty. ³¹Ty volo-foty ro satso-boninahitsy; azo amy ty fiaina ty lala-marina zay. ³²Soa ty tsy mora meloky noho ty mpialy sady ty olo manapaky ty fanahiny ro mahery noho ty olo ze mamehy tanà raiky. ³³Ty filoka ro atoraky am-potsina eo, fa ty fanapahan-kevitsy ro baka amy Yaveh.

Chapter 17

¹Soa vatany ty miay milamy miarakany amy ty tapa-mofo to zay amy ty tsano atsiky hany misy filira ao. ²Ty mpiasa hendry ro hanapaky amy ty anany ze nanao toetsy mahamenatsy eo sady hiharo lova manahaky ty raiky amy ty rahalahy. ³Ty mamy ho ahy ty volafoty sady ty laforo fiketseha ho ahy ty volamena, fa Yaveh ro mamboatsy ty fo. ⁴Ty mpanao raty mijanjy ty sony ty raty fanahy; manorira-sofy amy ty lela mpandravá ty mpavandy. ⁵Ndra ia ndra ia mikizaky ty malahelo le mivola raty ty Mpihary azy sady ze mifaly amy ty fahavoaza le tsy afaky-engà amy ty fanasazia. ⁶Satso-boninahitsy ty antitsy ty zafy sady manday voninahitsy ho ahy anany rey ty ray-mandreny rey. ⁷Ty kabary soa lahatsy le tsy mety amy ty dala; ka le vo maiky fa ty sony mpavandy ho mety ho ahy ty longo ty mpanjaka. ⁸Manahaky ty vato mahatseriky ty kolikoly ho ahy ty olo ze manome zay; ndra ia ndra itolihany, le mety ie. ⁹Ze manaro heloky ro mila fitiava, fa ze mampimpoly ty hadisoa taloha ro nampisaraky mpinama mariny rey. ¹⁰Militsy laliky vatany amy ty olo ze mana fahazavan-tsay ty safa mahery ao noho ty kapoaky injato mana amy ty adala any. ¹¹Ty olo-raty ro mila fiharoa foty, ka le halefa hanohitsy azy ty iraky lozabey. ¹²Aleo mifanojiky amy ty bera tsobo anaky to zay mifanojiky amy ty adala amy ty hadalany. ¹³Laha misy olo mamaly raty ty soa, le tsy hiala ty tsanony zisiky farany ty raty. ¹⁴Ty fanombohan'aly ro manahaky ze manenga ty rano hiparitaky eny iaby, ka le halaviro ty fifamalia i mbo tsy vaky zay. ¹⁵Ty olo ze manamary ty olo-raty sady ty olo ze manasazy ty olo-marina— le samby fahativativa amy Yaveh eo rey. ¹⁶Nanao akory ty adala ro tokony handoa jala mba hianatsy mikasiky ty fahendrea, nefa ie tsy mana fahafaha ty hianatsy zay? ¹⁷Ty nama le tea amy ty fotoa iaby sady rahalahiny nateraky ho amy ty fotoa ty fijalea. ¹⁸Ty lahilahy tsy misy say manao fampanantena mamehy ka le nanjary tompon-antoky amy ty tsosa ty namany. ¹⁹Ndra ia ndra ia tea aly le tea siaky; ze manao ty tokonam-baravarany ho abo maré le manatoro ty taola. ²⁰Ty olo ze mana fo maheriloa ro tsy hahita ndra ino ndra ino soa; lavo amy ty loza ze mana lela mpamitaky. ²¹Ndra ia ndra ia ray amandreny ty adala manday alahelo ho ahy ty vatany; sady tsy mana hafalea ty baba ty adala. ²²Fanafody soa ty fo falifaly, fa ty fanahy malemy koa mahamaiky ty taola. ²³Ty lahilahy raty fanahy mankasitsaky kolikoly tsy hita mba hamaliha lala ty rariny rey. ²⁴Ty olo ze mana fahazavan-tsay ro mampitoliky ty tarehiny mana amy ty fahendrea any, fa ty maso ty adala koa mitoliky amy vazan-tany rey any. ²⁵Ty anaky adala ro alahelo ho ahy ty babany sady fangilia ho ahy ty ampela ze niteraky azy. ²⁶Sady koa, tsy soa mihintsy ty manasazy ty olo-marina; ndra mamango olo maeva-hajà ze mana fahitia. ²⁷Ze manam-pahaiza mampiasa safa boribory sady ze mana fahazavan-tsay ro mahatindry fo. ²⁸Ndra le ty adala aza dinihiny ho hendry laha hohatsy ka tsy tsy mivola; lafa mampikombo-vava ie, le dinihiny ho manan-tsay.

Chapter 18

¹Ze mitokam-bata ro mila ty faniriany manoka sady mifamaly amy ty fitsarà soa iaby ie. ²Ty adala ro tsy mahita fahafinareta amy ty fahazavan-tsay, fa amy ty fanambarà ze am-pony ao avao. ³Lafa misy olo raty fanahy avy, le avy miaraky aminy ty fanambania--- miaraky amy ty henatsy noho fanalam-baraka. ⁴Rano laliky ty safa aboaky ty vava ty olo; sady rano miboiboiky ty loharano ty fahendrea. ⁵Tsy soa ty miangatsy amy ty olo raty fanahy, ndra mandà ty rariny amy ty olo-marina. ⁶Ty sony ty adala ro manday aly ho azy sady ty vavany mila vango. ⁷Ty vava ty adala ro faharavany sady mamandriky ty vatany amy ty soniny ie. ⁸Ty safa ty mpitsiko ro manahaky ty sombin-kany matavy sady mijotso anay ty vata any rey. ⁹Ze miraviravy amy ty asany avao koa ro rahalahy ty mamotiky bibiky. ¹⁰Tilikambo mahery ty anara Yaveh; milay mbao ty marina ka le voaaro. ¹¹Ty hanana ty mpanan-kanana ro tanà voaarony sady ty manahaky ty vala abo an'eritseritsy ao. ¹²Aloha ty faharavany ro mirengirengy ty fo ty olo, fa ty fampijotsoam-bata ro avy aloha ty voninahitsy. ¹³Ze mamaly aloha ty fitojeha--- le adala noho henatsy ho azy zay. ¹⁴Zaka ty fanahy ty olo ty faharary, fa ia ro hahazaka fanahy torotoro zay? ¹⁵Ty fo ty manan-tsay ro mandranto fahaiza sady ty sofy ty hendry mila zay. ¹⁶Ty fanomeza ty olo ro mety hamoha lala noho handay azy aloha ty olo-lako eo. ¹⁷Ze velohany manday ty raharahany ro hoy marina zisiky-iavia ty mpifanina aminy ka le hanontany azy. ¹⁸Ty filoka ro mandamy fifamalea noho mampisaraky mpifamaly mahery rey. ¹⁹Ty rahalahy meloky ro sarotsy azo noho ty tanà mahery, sady ty fifamalea ro manahaky ty hily ty lapa. ²⁰Baka amy ty vokatsy ty vavany ro maha atsiky ty sarotso ty olo raiky; amy ty vokatsy ty soniny ro maha-afapo azy. ²¹Ty fahafatesa noho ay ro fehezy ty lela, sady ze tea ty lela rey ro hihina ty vokatsiny. ²²Ze lahilahy mahita valy ro mahita raha soa sady mahazo sitsaky amy Yaveh. ²³Ty olo mijaly ro mangataky famalozam-po, fa ty olo manan-kanana koa mamaly an-tsiaky. ²⁴Ze mivola mana nama lako ro ho ravan-drozy, fa misy nama ze mariny vatany noho ty rahalahy.

Chapter 19

¹Soa vatany ty olo mijaly ze mandeha amy ty fahitany to zay olo mivaliky amy ty safany sady adala. ²Sady koa, tsy soa ty mana faniria tsy misy fahaiza sady ze milay maré bibiky le ho diso lala. ³Ty hadala ty olo ro mamotiky ty fiainany ka le amy Yaveh ro sosotsy ty fony. ⁴Mahabey nama ty hanana, fa ty olo mijaly koa ro tafasaraky amy namany rey. ⁵Ty vavolombelo sandoky ro tsy ho afa-maiky sady ze mampiboaky vandy ro tsy ho afaky-engà. ⁶Lako ro hila sitsaky amy ty olo matariky sady ty iaby ro nama ze manome fanomeza. ⁷Hala ty rahalahiny iaby ty olo mijaly; ka le sandraky fa namany ze manalavitsy azy rey! Hikaiky androzy ie, fe fa lasa ndrozy. ⁸Ze mahazo fahendrea ro tea ty ay; ze mitandraky ty fahaiza ro hahita soa. ⁹Ty vavolombelo sandoky ro tsy ho afaky-amy zao, fa ze mampiboaky vandy koa ro ho maty. ¹⁰Tsy mety amy ty adala ty miay amy ty hanana soaso—sandraky fa ty hanapaha ty andevo amy lahilahy lako rey eo. ¹¹Ty failo mahavy ty olo tsy ho mora meloky sady voninahitsy ho azy ty tsy manenty ty hadisoa. ¹²Ty heloky ty mpanjaka ro manahaky ty fietotsy ty liona tanora, fa ty sitsakiny koa ro manahaky ty andro amy ty akata. ¹³Ty anaky adala ro faharava ho ahy ty babany sady valy mpifamaly ro manahaky ty rano mitete tsy tapaky. ¹⁴Ty tsano noho hanana ro l9va baka amy ty ray amandreniny, fa valy hendry koa ro baka amy Yaveh. ¹⁵Ty hakamoa ro mandatsaky ty olo anay roro laliky, fa ze tsy vonona-hiasa Kia ro ho mosary. ¹⁶Ze manenky ty lily ro miaro ty ainy, fa ty olo ze tsy mandiniky ty lalany koa ro ho maty. ¹⁷Ze iaby mahaferinay ty mijaly rey ro manambotsy an'Yaveh sady honerany ie noho ze nanoviny rey. ¹⁸Fehezo ty anakilahinao amy ie mbo misy fanantenà sady ka andesim-paniria hamono azy. ¹⁹Ty olo lako mizizo ro tsy maintsy mandoa ty sazy; laha mamonjy azy iha, le tsy maintsy hampimpoly zay fanindroeny iha. ²⁰Janjino ty torohevitsy sady enkeo ty fampianara, mba hanjary hendry iha amy ty hiafara ty fiainanao any. ²¹Lako ty fikasa am-po ty olo ao, fa ty tanjo Yaveh ro ho ela. ²²Ty tsy fivaliha ro ory ty olo sady soa vatany ty olo mijaly noho ty mpavandy. ²³Ty fanomezam-boninahitsy an'Yaveh ro mitariky ty olo amy ty fiaina; ze iaby mana zay ro ho afa-po sady tsy ampijalea ty raty. ²⁴Ty kamo ro handevy ty tanany am-pinga ao; tsy hampimpoly hampiakatsy am-bavany ao vatany ie. ²⁵Vangò ty mpandratoraty, le hailo ty olo bado; anaro ze manan-tsiny, le hahazo fahaiza ie. ²⁶Ze mandrava ty babany sady mandroaky ty reniny le anaky manday henatsy noho fanalam-baraka. ²⁷Laha mijano ty mijanjy fampianara iha, anakilahiko e, le hania amy safa ty fahaiza rdy iha. ²⁸Ty vavolombelo mpivaliky ro mandratiraty ty fitsarà sady ty vava ty raty fanahy nilentiky heloky. ²⁹Vonona ho ahy mpandratoraty rey ty fanasazia sady ty vangoa ho amy ty lambosy ty adala.

Chapter 20

¹Ty divay ro mpandratoraty sady ty raha-inomy mahery ro mpikorakoraky; ze mivio lala amy ty finoma amy ty lala-diso ro tsy hendry. ²Ty tahotsy ty mpanjaka ro manahaky ty tahotsy ty liona tanora ze mierotsy; ze mampeloky azy ro manary ty ainy. ³Voninahitsy ho ahy ty iaby ty misoroky fifamalia, fa ty adala iaby ro tsy vita amy ty fialian-kevitsy. ⁴Ty olo kamo ro tsy miasa tany amy ty lohatao; mila vokatsy ie amy ty fararano fa tsy hahazo ndra ino ndra ino. ⁵Ty tanjony am-po ty olo ao ro manahaky ty rano laliky, fa ty olo ze manam-pahaiza koa hamoaky azy. ⁶Lako ty olo mivola fa tsy mpivaliky, fe ia ro afaky hahita olo matoky? ⁷Ty olo marina ro mandeha amy ty fahitia, sady anany ze manolo azy afarany ao rey ro hotahie. ⁸Ty mpanjaka zecmipetsaky amy ty seza fipetsahany eo manantanteraky asa ty mpitsara rey ro mangalaky ty raty iaby ze alohany eo amy ty masony. ⁹Ia ro afaky mivola hozao; "Fa nitandraky ty foko halio zaho; afaky amy ty otako zaho"? ¹⁰Ty manenty tsy mitovy lanja noho ty fametara tsy mitovy— le samby hala Yaveh. ¹¹Ndra ty tanora aza ro hay amy ty anoviny, lana malio noho mahity ty fandaisam-batany. ¹²Ty sofy ze mampitoto sady ty maso ze mahita- le samby nanovy Yaveh iaby rey. ¹³Ka mitea roro tsy noho avy amy ty fijalea iha; vohao ty masonao le hanan-kany lako hia. ¹⁴"Raty! Raty! hoasa ty mpivily, fa lafa mandeha ie le mirengirengy. ¹⁵Misy ty volamena noho vato sarotsy vily lako maré, fa ty sony ty fahaiza ro ravaky sarotsy. ¹⁶Alao ty salotsy ze nampisy fiarova ho ahy ty vahiny rey, sady tandraho ho antoky zay laha manisany fiarova ho ahy ty ampela raty fandaisam-bata ie. ¹⁷Mamy ty tavy ty mofo azo amy ty fitaky, fe lafa afaky zay le ho atsiky vatokely ty vavany. ¹⁸Paiky rey ro voalamy ty torohevitsy sady amy ty tari-dala hendry avao ro tokony handaisanao ty aly. ¹⁹Ty fifosa mampiboaky tsiambaratelo sady laha zay le tsy tokony hiaraky amy olo ze mpivola avao rey iha. ²⁰Laha misy olo manozo ty babany noho ty reniny, le ho maty anivo ty haiky eo jirony. ²¹ty lova azo amy zao avao amy veloha rey le tsy hahasoa amy farany any. ²²Ka mivola hozao: "Hamaly anao noho raty iny zaho!" Mandinisa an'Yaveh le hamonjy anao Ie. ²³Hala Yaveh vato fandan-ja tsy mitovy rey sady ty manenty tsy marina le tsy soa. ²⁴Ty lia ty olo ro tarihy Yaveh; ka le manao akory ro ahaizany ze lalany? ²⁵fandriky ho ahy ty olo ty mivola amy malalaky hozao: "Masy raha toy," sady lafa baka nanao ty voaliny vo manomboky mieritseritsy ze dikany. ²⁶Ty mpanjaka hendry ro maniva ty raty fanahy sady mamaliky ty fiondrana ty fikororoha amin-drozy eo. ²⁷Ty fanahy ty olo ro jiro Yaveh, mila raiky anainy bibiky rey. ²⁸Tsy fivaliham-panenkea noho fahendream-pitokisa ro miaro ty mpanjaka; ty seza fipetsahany le voaaro ty fitiava. ²⁹Ty voninahitsy pamaraky rey le ty tanjany sady ty famirapiratsy ty olo antitsy le ty volafotiny. ³⁰Famangoa ze mandratsy maharary rey ty raty sady ty vangoa ro mahavy ty anay ty laliky halio ao.

Chapter 21

¹Ty fo ty mpanjaka ro rano mirotsaky an-tana Yaveh eo; aviliny amy ze itiavany azy eny zay. ²Ty lalan'olo iaby ro mahity masonry eo avao, fa Yaveh ro mandanja ty fo. ³Ze manao ty marina noho mahity ro sitsaky Yaveh vatany mandilatsy ty soro. ⁴Ty fiavonavo ty maso firengirengy ty fo---ty jiro ty raty fanahy--- le fahota. ⁵Fikasa ty mazoto rey ro mitariky mana amy ty fitahia any avao, fa ty olo iaby ze malisalisa maré ro avy amy ty fijalea avao. ⁶Ty fiharé hanana amy ty lela mpavandy le zevoky miparitaky ady fandriky mamono. ⁷Ty heriloha ty raty fanahy ro hisinto androzy, safe mandà ty hanao ze rariny ndrozy. ⁸Miviombio ty lala ty olo meloky, fa ty olo ze malio ro manao ze marina. ⁹Aleo vatany mipetsaky amy ty zoro ty tafo eo to zay miharo tsano amy ty valy mpila aly. ¹⁰Ty hamosary ty raty fanahy ro maniry maré ty raty; tsy mahita hasoa amy ty masonry namany rey eo ie. ¹¹Lafa sazie ty mpandraturaty, le ho hendry ty tsy ampy say, sady lafa anary ty olo hendry, le hitandraky fahaiza ie.

¹²Mandiniky ty tsano ty olo raty fanahy ty olo-marina; manday ty olo raty fanahy ho amy ty loza ie. ¹³Ty olo ze manampy ty sofiny amy ty fitoreva ty mijaly, le mbo hitoreo avao koa, fe tsy hisy hamaly azy. ¹⁴Ty fanomeza milamy mampieny ty heloky sady fanomeza tsy hits ro mampieny ty heloky maré. ¹⁵Lafa vita ty fitsarà, le manday fifalia ho ahy ty olo-marina zay, fe manday horohoro ho ahy mpanao raty zay. ¹⁶Ze miriorio miala amy ty lala ty fahazavan-tsay, le hijano amy ty egilizy ty maty ao. ¹⁷Ze tea fahafinareta ro hijaly; ze tea divay noho solo-bonio ro tsy hanan-kanana. ¹⁸Ty olo raty fanahy ro solovaiky ho ahy ty olo-marina, sady ty olo mpamitaky ro vilim-panavota ho ahy ty olo mahity. ¹⁹Aleo mipetsaky an-tany efitsy eny to zay miaraky amy ty valy mifamaly noho meloky. ²⁰Hanana sarotsy noho solo-bonio ro an-tsano ty gendry ao, fa ty olo adala koa mandany rey. ²¹Ze manao ty marina noho soa fanahy --- olo zay ro hahita ty fiaina, fahamarina, sady voninahitsy. ²²Ty olo hendry manganiky ty tanà mahery rey, sady jmandrava ty fiarivana mahery ze nitoky rey. ²³Ndra ia ndra ia miemby ty vavany noho ty lelany le miaro ty vatany amy ty fijalea. ²⁴Ty olo miavonavo noho mirengirengy---"Mpandraturaty" to anarany--- le manao fihetsiky atsiky fiavonavo. ²⁵Ty faniria ty kamo ro mahafaty azy, safe mandà ty hiasa ty tanany. ²⁶Maniry maré anay ty ndraik'andro ie, fa ty olo-marina ro manome sady tsy hahihitsy. ²⁷Mampangoritsy ty soro baka any ty raty fanahy; mampangoritsy vatany aza zay lafa manday zay amy ty antony raty ie. ²⁸Ho maty ty vavolombelo sandoky, fa ty olo ze mijanjy ro hivola amy ty fotoa iaby. ²⁹Ty olo raty fanahy ro mampahery ty endrikiny, fa ty olo mahity ro matoky amy ty lalany. ³⁰Tsy misy fahendrea, tsy misy fahaiza, lady tsy misy torohevitsy afaky mitsanga hanohitsy an'Yaveh. ³¹Ty sovaly nihomany ho amy ty andro ty aly, fe an'Yaveh ty fandresena.

Chapter 22

¹Aleo mitingy ty laza soa to zay bey hanana sady soa noho ty volafoty noho volamena ty sitsaky. ²Ty mpanarivo noho ty mijaly le samby mana zay--- Yaveh ro mpihary azy iaby. ³Ty olo mailo mahita ty loza ka le mivony, fa ty gadra koa mandroso sady mijaly noho zay. ⁴Ty valisoa ty fampijotsoam-bata noho fatahora an'Yaveh ro hanana, voninahitsy, sady fiaina. ⁵Ty fatiky noho ty fandriky ro amy ty lala ty maheriloha eo; fa ze miaro ty ainy ro hanalavitsy androzy. ⁶Ampianaro amy ty aja ty lala tokony handehany sady lafa bevata ie le tsy hiala amy fampianara zay. ⁷Manapaky amy ty malahelo eo ty mpanan-kanana sady ze miemby to go andevo ze nampindra. ⁸Ze mandraraky ty tsy rariny ro hijinja ty faijalea sady halazo ty tsorakazo ty helokiny. ⁹Ze mana maso bey fiantsa ro hotahy, safe mizara ty mofony amy ty mijaly ie. ¹⁰Roaho ty mpandraturaty le ho lasa ty fifamalea; hijano ty aly noho ty fanativativa. ¹¹Ze tea fo malio noho ze mivola fahasoava, ro hana ty mpanjaka ho namany. ¹²Ty maso Yaveh ro miemby zisiky any ty fahaiza, fa ty safa ty mpamaliky ro ravany. ¹³Ty olo malay manao hozao: "Misy lio an-danitsy any! Ho maty an-kalamanjana eny zaho." ¹⁴Ty vava ty ampela maheriloha ro lavaky laliky; mihetsiky amy ze iaby latsaky ao ty heloky Yaveh. ¹⁵Mipitiky amy tyvo ty aja ty adala, fe ty ratsan-kazo fanasazia hampiala zay. ¹⁶Ze mampijaly ty olo mijaly ro mampitombo ty hananany, sady ho avy amy ty fijalea ze manome ty mpanan-kanana. ¹⁷Ahorirano ty sofinao sady mijanjy safa ty hendry rey ka le ampanenkeo ty fahaizako ty fonao, ¹⁸safe hoteateanao anao laha embenanao amina ao rey, laha vonona amy ty soninao eo ie iaby. ¹⁹Ho amy Yaveh ao laha zay ty fatokisanao, mampianatse anao zay zaho henanio---iha ro iha. ²⁰Moa va zaho tsy fa nanoratsy ohabola ty fampianara noho fahaiza telopolo ho ahy nao, ²¹mba hampianara anao ty marina amy safa matoky rey, mba hanomeza valin-tsafa matoky amy ze nanirake anao rey? ²²Ka mandrobaky ty malahelo safe mijaly ie, ndra manosihosy ty ory am-bavahady eo, ²³fa Yaveh ro hisolo vava androzy, sady le handrobaky ty ay ze nadrava androzy rey. ²⁴Ka minama amy ty olo ze fegezy ty heloky sady ka miaraky amy ze romotsy, ²⁵tsy noho iha hianatsy ty fanoviny sady hahazo fandriky ho ahy ty fanahinao. ²⁶Ka mety ho isa ze manampatsy-tana amy ty fiantoha, ndra miantoky-tsosa. ²⁷Laha tsy mana haloa iha, ino moa ro hahasaka ty olo tsy hangalaky ty fandrea ndreanao? ²⁸Ka mikasiky ty vala vato faela ze fa napetsaky ty razanareo. ²⁹Mahita olo mahay amy ty asany va iha? Hitsanga aloha mpanjaka rey eo ie; tsy hitsanga aloha ty olo mahazatsy eo ie.

Chapter 23

¹Lafa mipetsaky hihina miaraky amy ty mpanapaky iha, le diniho soa ze alohano eo,² sady lilio meso ty vozonaolaha olo tea mihinan-kany maré bibiky iha. ³Ka maniry maré ty hanim-piny, fa haniny ty vandy zay.⁴Ka le miasa maré biby hahazoa hanana; henteo soa hahazanao ty fotoa hijanona. ⁵Hanenga ty masonao hirehitsy amy zay va iha? Ho hiala zay, fa ho hari-elatsy manahaky ty voromahery vatany zay ka le hitily amy ty lanitsy eny.⁶Ka mihina ty hany ty olo manao maso raty— sady ka maniry ty hanim-piny, ⁷fa karazan'olo manisa ty nihin-kany ie." Mihinàna sady minoma!" hoy ie aminao, nefa tsy aminao ty fony. ⁸Haloanao ze kelikely nihaninao sady ho tsobo avao ty safa fandokanao.⁹Ka mivola an-tsofy ty adala eo, safe hanaraty ty fahendrea ty safanao ie. ¹⁰Ka mikasiky ty vala vato fa ela ndra manganiky ty baibo ty kamboty, ¹¹fa mahery ty Mpanavotsy azy rey sady le ro hisolo vava androzy hanohitsy anao.¹²Ampanenkeo fampianara ty fonao sady safa fahaiza ty sofinao. ¹³Ka mitsitsy ty fampianara tsy ho amy ty aja, safe laha manasazy azy iha, le tsy ho maty ie.¹⁴Iha ro tsy maintsy hamangoa azy amy ty ratsan-kazo ka le hamonjy ty fanahiny amy ty Fiainan-tsy hita.¹⁵Anako e, laha hendry ty fonao, le ho maty avao koa ty foko; ¹⁶hifalifaly ty anaiko any lafa mivola ze marina ty soninao.¹⁷Ka enga hialona mpanota rey ty fonao, fa mipetsaky amy ty tahotsy an'Yaveh zisiky farany. ¹⁸Misy vatany ty ho avy sady tsy ho fotoa ty fanantenanao.¹⁹Mijanjinana—iha! — anako e, sady haharé ka le hampahity amy ty lala mahity ty fonao. ²⁰Ka minama amy ty mamolava, ndra amy ty mpihinan-kena, ²¹fa ty mamolava nono ty tea-hany sady bey firoroa rey ro hijaly sady ty fahendrea ro hampisiky azy amy ty voro-tsiky.²²Janjino ty babanao niteraky anao sady ka manao tsy misy dikany ty reninao lafa antitsy ie. ²³Vilio ty marina, fa kamamarotsy zay; mivilia fahendrea, fampianara, sady fahazavan-tsay.²⁴Hifalifaly vatany ty baba ty olo-marina, sady ze miteraky aja hendry ro ho maty aminy. ²⁵Engao ty babanao noho ty reninao ho maty sady engao hifalifaly ze niteraky anao.²⁶Anako e, ameo ahy ty fonao sady engao ty masonao hiembena ty lalako. ²⁷Fa ty ampela maheriloha ro lavaky laliky, sady tea-hany maifitsy ty ampela raty fandaism-bata. ²⁸Mandinindiny manahaky ty mpandrava ie sady mampitombo ty isa mpamaliky rey eo amy ty anak'olombelo.²⁹Ia ro misy ozo? Ia ro mana alahelo? Ia ro mana aly? Ia ro mana fitoreva? Ia ro mana fery tsy ampandilary-tsy manao akory? Ia ro mana maso mivalo-mena? ³⁰Ze mipitiky amy ty divay rey, ze manandra ty divay miharo rey.³¹Ka manenty ty divay laha mena zay, lafa mangemahema amy ty kapoaky ao zay ka le miroraky kimoramora. ³²Amy ty farany zay le manehitsy manahaky ty bibilava sady manindroe manahaky ty menara. ³³Hahita raha hafahafa ty masonao sady ty fonao hamoaky raha-bevata. ³⁴Hanahaky ty olo ze miroro amy ty riaky manonja eo iha ndra miroro anabo ty sambo lako eo. ³⁵"Namango ahy rey," hoy iha, "fa tsy voa zaho. Namango ahy rey, fa tsy tsapako zay. Ombia zaho vo hifoza? Hila ho inomy hafa ndraiky zaho."

Chapter 24

¹Ka mialona ze raty rey, ndra maniry ty hiombona amin-drozy, ²safe mitetiky-raty hanao heriloha ty fon-drozy sady mivola fajalea ty sonin-drozy. ³Amy ty fahendrea ro ampitsangana tsano sady amy ty fahazavan-tsay ro anamboara azy. ⁴Amy ty fahaiza ro hanatseha hanana sarotsy noho soaso a iaby efitsano rey. ⁵Mahery ty mpialy ty fahendrea, sady ty olo ty fahaiza ro mampitombo ty heriny; ⁶fa amy ty torolala hendry ro afahanao mialy ty alinao sady amy mpanome-say lako rey ro misy fahendrea. ⁷Abo maré ho ahy ty adala ty fahendrea; tsy mamohavava am-bavahady eo ie. ⁸Misy olo mitetiky hanao raty--- kaihy ty olo hozao tompo ty tetiky ie. ⁹Ty tetiky ty adala ro fahota sady ty olo le manao tsy misy dikany ty mpandratriaty. ¹⁰Laha avy malemy ty tahotsy amy ty androm-pijalea iha, le kelikely ty herinao. ¹¹Avoto ze nala hovonoe rey sady arovo ze mivembe amy ty famonoa eo rey. ¹²Laha mivola iha hozao: "Ingo, tsy nahay ndra ino ndra ino momba zay zahay", moa va azy raiky ze mandanja ty fo tsy hahatakatsy ze volaninao iny? Azy raiky ze miemby ty ainao, moa va ie tsy mahay zay? Moa va Njanahary tsy manome ty kirai-draiky iaby ze maeva azy? ¹³Anako e, mihinana tantely safe soa zay, safe mamy ty tantely mitete amy ty papon-tantely laha andramana. ¹⁴Manahaky zay ty fahendrea ho ahy ty fanahinao--- laha hitanao zay, le hisy hoavy sady ho rava ty fanantenanao. ¹⁵Ka manotsiky manahaky ty olo raty fanahy ze manafiky ty tsano ty olo-marina. Ka mandrava ty tsanony? ¹⁶Fa lavo impito ty olo-marina fa tafapetraky avao, fa lavo amy ty loza ty olo raty fanahy. ¹⁷Ka mifaly laha lavo ty fahavalonao sady engao tsy ho falifaly ty fonao laha meloky ie, ¹⁸laha tsy zay le ho hita Yaveh sady tsy ho ankasitsahiny ka le halàny aminy ty helokiny. ¹⁹Ka matahotsy noho mpanao raty rey, sady ka mialona ty raty fanahy, ²⁰fa tsy mba mana hoavy ty olo raty sady ty jiro ty raty fanahy ro ho maty. ²¹Matahora an'Yaveh, sady matahora ty mpanjaka, anako e, la miharo amy ze miharo amin-drozy rey, ²²fa ho avy tampoky ty loza ho androzy ka le ia ro mahay hoe zisiky aia ty faharava ze ho avy amindrozy roe? ²³Reto avao koa fivolana ty hendry rey. Tsy soa fiangara amy ty fitsaran-draharaha amy ty lalà. ²⁴Ndra ia ndra ia mivola amy ty raty fanahy hozao: "Olo-marina iha", le go azony olo lako rey sady hala firenea rey. ²⁵Nefa ze manasazy ty raty fanahy rey ro hahazo sitsaky sady ho avy amin-drozy ty fanomeza-soa. ²⁶Ty olo ze mamaly amin-kitsom-po ro manoraky amy ty sony eo. ²⁷Omano ty asanao ambaliky any, sady anovo vonona ho ahy nao am-baibo any ty raha iaby; afara zay, le amboaro ty tsanonao. ²⁸Ka mitsanga vavolombelo hanohitsy ty mpiara-belo aminao amy ty tsy antony sady ka mamitaky amy ty soninao. ²⁹Ka mivola hozao: "Hanoviko aminy ze fa nanoviny tamiko; ho valeako aminy manahaky ze fa nanoviko." ³⁰Nandalo tam-baibo ty olo kamo eny zaho, nisera tamy ty tanimboloboky ty olo tsy misy say. ³¹Nitiry teny iaby ty fatiky; atsiky ty hisasatsy ty tany, sady vato ty vala rey le rava. ³²Le hahita zaho ka le nisahy zay; nanenty zaho ka le nahazo anatsy. ³³Hangalaky roro kelikely, havoza kelikely, taho-tana kelikely mba hijanona--- ³⁴le ho avy hanitsaky anao ty fijalea, sady filànao rey le hanahaky ty maramila milanja fialia.

Chapter 25

¹Ndreto ro mbo ohabola i Solomona avao, ze nadika i lahilahy i Hezekia, mpanjaka i Joda. ²Voninahitsy Njanahary ty mamonin-draha, fa ty mila zay ro voninahitsy ty mpanjaka. ³Manahaky ty maha-ahy ty abo ty lanitsy nohobty maha-ahy ty laliky ty tany, ro maha-tsy takatsy ty say ty fo mpanjaka rey. ⁴Alao amy ty volafoty ty taim-bolafoty ka le afaky hampiasa ty volafoty amy ty asa tanany ty mpanao asa amy ty vy. ⁵Le manahaky zay koa, alao amy ty famonjea ty mpanjaka eo ty olo raty fanahy ro ho apetsaky amy ty fananova ze marina ty seza fipetrahany. ⁶Ka manome voninahitsy ty vatanao amy ty famonjea ty mpanjaka eo sady ka mitsanga amy ty toera voatondro ho ahy ty olo anabo. ⁷Soa vatany laha mivola aminao ie hozao: "miakara eto," noho ty hangalany baraka anao anila ty olo-manan-kaja raiky eo. ⁸Ka andesy malaky amy ty fitsara any, ze nivonje ty masonao. Safe ino ro anovinareo lafa manao ze ahamenatsy anao ty mpiaraky mipetsaky aminao amy ty farany? ⁹Hilio hevitsy aminao eo noho ty mpiaraky mipetsaky aminao avao ty raharahanao sady ka mampiboaky ty tsiambaratelo ty hafa, ¹⁰laha tsy zay le handay fahamenara aminao noho tatitsy raty mikasiky anao azy naharé anao iny ka le tsy ho laitsy milamy. ¹¹Ty poma volamena amy ty fipetsaha volafoty eo ro safa nivolany tamy ty fotoa mety. ¹²Ty peratsy volamena ndra ravaky nanovy tamy ty volamena soa bibike ro anatsy hendry ho ahy ty sofy mijanjy. ¹³Ty raiky mahatoky ro manahaky ty nintsy ty havandra amy ty fotoam-pambolea ho ahy ze maniraky azy; mampimpoly ty ay tompony rey ie. ¹⁴Raho noho ty tsioky tsy misy ora ze mirengirengy amy ty fanomeza ze tsy nameany. ¹⁵Amy fahareta ro afaha mandresy lahatsy ty mpanapaky shady ty lela malemy ro mety hanapaky taola. ¹⁶Laha mahita tantely iha, le ze ampy hohany avao--- laha tsy zay, le hampandoa anao, ty fihinana lako maré zay. ¹⁷Ka ampiliry an-tsano ty namanao ao san'andro san'andro ty tombokinao, mety ho laginy anao ie ka le halay anao, ¹⁸Ty olo zecmitsanga vavolombelo tsy marina mikasiky ty namany le manahaky ty langilangy, ndra meso bey, ndra anaky-kititsy maranitsy ampiasa amy ty aly. ¹⁹Ty olo tsy matoky ze itokisanao amy ty fotoa ty fijalea ro manahaky ty hý raty ndra tomboky mibolatitsy. ²⁰Manahaky ty olo raiky ze mangalaky ty salotsiny amy ty andro manitsy, ndra manahaky ty vinegira naroraky tambany ty sirahazo ze mihira hira ho ahy ty fo mavesatsy eo. ²¹Laha mosare ty fahavalo, le ameo hany hohany ie, sady laha mangetaheta ie le ameo rano hinomy, ²²fa hampiharo vain'afo amy ty lohany eo iha sady hamaly soa anao Yaveh. ²³Manahaky ty handaisa ty tsioky avaratsy ora vatany, le hamaliky ty endriky ho meloky ty lela ze mivola tsiambaratelo. ²⁴Soa vatany ty mipetsaky amy ty zoro ty tafo-tsano eo ty amy ty tsano ze hiaroa amy ty valy mpialy lava ao. ²⁵Manahaky ty rano manitsy ho ahy ze mangetaheta, ty vaovao mahafaly baka amy ty firenea lavitsy any. ²⁶Manahaky ty loharano voahozongozo noho fantsaka rava ty olo-marina miharo anila ty olo raty fanahy eo. ²⁷Tsy soa ty mihina tantely lako maré; manahaky ty hoe mila voninahitsy miampy voninahitsy zay. ²⁸Ty olo tsy mana haborin-dresaky ro tsy manahaky ty tanà rava noho tsy misy vala.

Chapter 26

¹Manahaky ty havandra amy ty lohatao ndra ranon'ora amy ty taom-pambolea, ro tsy maha-mendrik-aja ty adala.
²Manahaky ty foly mitily noho ty sidintsidy mitely lafa mitily ndrozy, ro tsy hijotso ty ozo tsy maeva.³Ty karavasy ro ho ahy ty sovaly, ty lamboridy le ho ahy ty apondra sady ty ratsan-kazo le ho ahy ty lambosy ty adala. ⁴Ka mamaly ty adala manahaky ty adalany, laha tsy zay le hanjary manahaky azy iha.⁵Valio ty adala sady miaraha amy ty adalany, le tsy ho hendry amasony eo avao ie. ⁶Ndra ia ndra ia mandefa hafatsy amy ty tana ty adala le manapaky ty tombokiny avao sady mino heriloha.⁷Manahaky ty tomboky ty marary ty farasisa ze mirabiraby ty ohabola am-bava ty adala ao.⁸ Manahaky ty mamehy vato amy ty antsamotaly ty manome voninahitsy ty adala.
⁹Manahaky ty fatiky ze milentiky an-tana ty mamona lava ro ty ohabola am-bava ty adala rey ao. ¹⁰Manahaky ty mandefa kititsy ze mandratsy ty iaby miodidy azy ty olo ze mampikarama adala ndra mampikarama ze sendra mandalo.¹¹Manahaky ty alika mimpoly amy ty velohany, le manahaky zay koa ty adala ze mampimpoly ty hadalany. ¹²Mahita olo hendry amasony eo avao va iha? Ty adala misy antenay vatany noho ty aminy.¹³Ty olo kamo manao hozao: "Misy liona an-dala eny! Misy liona ankalamanjana eny!" ¹⁴Manahaky ty varavara miodiky amy ty sovaliny, le manahaky zay koa ty olo kamo am-pandreany eo.¹⁵Ty olo kamo ro mampipetsaky ty tanany am-pinga ao nefa tsy mana hery hiala zay ho am-bavany ao ie. ¹⁶Ty olo kamo ro hendry amasony eo avao noho ty olo fito miaraky amy ty fahaiza-manavaky.¹⁷Manahaky azy mitandraky ty sofy ty alika ty mpandalo ze meloky amy ty fifamalia tsy azy.¹⁸Manahaky ty olo mitapy ze manoraky ana-kititsy mirehitsy,¹⁹ ty olo ze mamitaky ty mpiara-belo aminy sady manao hozao: "Tsy nisomonga va zaho?"²⁰Laha ty tsy fisia ty kata, le maty ty afo; sady amy ze tsy misy mpitsiko any ro mijano ty fifamalea. ²¹Manahaky ty arina mampirehitsy ty vain'afo noho ty kata amy ty afo, le manahaky zay koa ty olo tea aly mandrehitsy fifamalea.²²Ty safa ty mpitsiko le manahaky ty hany matavy; mijotso anay ty faritsy ao ty vata rey. ²³Manahaky ty ankosotsy taim-bolafoty mandrakotsy ty valany tany ty sony mirehitsy noho ty fo raty.²⁴Ze malay ty hafa le manaro ty fihetseham-pony amy ty velohany sady zisiky farany fitaky anainy ao avao. ²⁵Hiresaky am-pahasoava ie, fe ka mino azy, safe misy fahativativa fito am-pony ao.
²⁶Ndra le voasaro fitaky aza ty falainany, le habaribary amy ty egilizy eo ty haratiany.²⁷Ze iaby mihaly lavaky ro holavo amy zay ao sady ty vato ro handeha amy ze nanosiky zay ao. ²⁸Ty lela mpavandy ro mahay ty olo ze torotoro zay sady ty sony mendo manday faharava.

Chapter 27

¹Ka mirengirengy amy ty hamaray, fa tsy hainao ze mety handresy ty henanio. ²Engao olo-hafa ro hiloka anao fa tsy ty vavanao avao; ty vahiny fa tsy ty soninao avao. ³Saintsaino ty havesatsy ty vato noho ty lanja ty fasy--- ty fivolana ty adala ro mavesatsy vatany noho roe rey. ⁴Misy ty habibia ty halaginy noho ty fandriaky ty heloky, fa ia ro afaky hitsanga aloha ty hasarotam-piaro eo? ⁵Aleo anatsy tamin'olo lako to zay fitea avony. ⁶Mahatoky ty ratsy anovy ty nama, fa ty fahavalo ro mety hanoroky mitafotafo anao. ⁷Ty olo ze nihina zisiky-mahavintsy le mandà ndra le ty papon-tantely aza, fa ho ahy ty olo mosary koa, le mamy ty raha-mangily iaby. ⁸Manahaky ty voro ze miriorio miala amy ty akaniny ty olo ze maniasia miala amy ty fipetsahany. ⁹Ty ranomanitsy noho emboky manitsy le mampifaly ty fo, fa ty hamamy ty nama le avy baka amy ty torohevitsy amin-kitsim-po. ¹⁰Ka mahafoy ty namanao noho ty baba ty namanao, sady ka mana amy ty tsano ty rahalahinao any amy ty andro-mahavoa anao. Soa vatany ty nama ze mariny noho ty rahalahy ze lavitsy. ¹¹Hentao, anako e, le am-pifalea ty foko; le hamaly an'i azy mikizaky iny ahy zaho. ¹²Ty lahilahy malio ro mahatiaro ty loza ka le mivony, fa ty olo bado le mandroso avao ka le mijaly noho zay. ¹³Alao ty salotsy ze nanome antoky amy ty vahiny, sady tandrano ho antoky zay lafa manome antoky amy ty ampela raty fandaism-bata ie. ¹⁴Ndra ia ndra ia manome tsipi-rano ty namany amy ty feo abo vo maraindray-bey, le rambesy hanahaky ty ozo tsipi-rano zay! ¹⁵Ty valy mpifamaly ro manahaky ty miniminik'ora amy ty andro fahavaratsy; ¹⁶ty mitandraky azy manahaky ty mitandraky tsioky, ndra miezaky mipiritsy solo-bonio my ty tananao ankavana. ¹⁷Ty vy mandranitsy vy; manahaky zay, ty lahilahy mandranitsy ty namany. ¹⁸Ze mikarakara ty hazon'aviavy le hihina ty voany, sady ze miaro ty tompony le hameam-boninahitsy. ¹⁹Manahaky ty taratsy ty rano amy ty endriky ty olo, ty taratsy ty fo ty olo amy ty olo. ²⁰Manahaky ty Fiainan-tsy hita noho ty Fandrava tsy afa-po zisiky farany, le to zay ty maso ty olo tsy ho afa-po zisiky farany. ²¹Ty memy ho ahy ty volafoty sady ty fatapeea fiketseha ho ahy ty volamena; le amy ty fanompoa azy ro hitsapa ty olo. ²²Ndra le totohinao amy ty fandisana aza ty adala ---miaraky amy ty vary---le mbo tsy hiala aminy avao ty hadalany. ²³Anovo azo antoky fa hainao ty toetsy ty aondrinao sady saintsaino ty mikasiky biby fiharinao rey, fa ²⁴ty hanana ro tsy zisiky farany. Ela ho ahy ty tariha iaby va ty satso-boninahitsy? ²⁵Lafa miala ty akata sady mitiry ty solofony, le avory baka amy ty vohitsy eny ty akata ho ahy aondry noho aosy rey. ²⁶Anak'aondry rey ro hanome ty fisikina sady aosy rey hanome ty sara ty baibo. ²⁷Hisy rononon'aosy ho ahy ty haninao ---hany ho ahy ty tokatsanonao--- sady hany ho ahy ty mpiasanao ampela.

Chapter 28

¹Milay ty raty fanahy laha tsy misy olo mania azy koa, fa ty olo-marina le mahasaky menahaky ty liona tanora.

²Laha ty fandikan-dalà ty tany, le mana mpanapaky lako ie, fa laha miaraky amy ty olo mana fahazavan-tsay noho hahaiza, le haharitsy ela zay.³Ty olomijaly ze mampijaly olo mijaly hafa ro hanahaky ty ora mivatsavatsa ze tsy manenga hany.⁴Ze mahafoy ty lalà rey le manompo olo raty fanahy, fa ze miemby ty lalà rey ro hialy amin-drozy.⁵Ty olo-raty le tsy mahatakatsy ty rariny, fa ze mila an'Yaveh rey ro mahatakatsy ty raha-iaby.⁶Soa vatany ho ahy ty olo mijaly ty mandeha amy ty fahitia, noho ty ho ahy ty olo manan-kanana ze meloky amy ty lalany.⁷Ze miemby ty lalà ro anaky mana fahazavan-tsay, fa ze nama ty tea-hany mahamenatsy ty babany.⁸Ze mihary ty hanana amy ty anaky-jala bey maré le mamory ty hananany ho ahy ty hafa ze hanam-pahaferinay amy ty olo mijaly.⁹Laha misy olo mampivio ty sofiny tsy hijanjy ty lalà, ndra ty fivavahako aza mampangoritsy.¹⁰Ndra ia ndra ia mampivio lala ty mahity amy ty lalàn-draty ro hilatsaky amy ty lafariny avao, fa ty tsy misy tsiny ro hana lova soa.¹¹Ty olo manan-kanana ro mety ho hendry amasony eo avao, fa ty olo mijaly ze mana fahazavan-tsay ro hahita azy.¹²Lafa misy fandreseha ho ahy ty olo-marina, le misy voninahitsy bevata, fa lafa mitsanga ty raty fanahy, le mivony ty olo.¹³Ze mamony ty fahotany tsy ho tahiny, fa ze miaky noho mahafoy rey ro hampitoroe famalozam-po.¹⁴Ho tahie ze miay amy ty fampitorom-panajà zisiky farany, fa ze iaby mampahery ty fony ro ho tea-pahoria.¹⁵Manahaky ty liona mierotsy ndra Bera mila tyvmpanapaky raty fanahy amy ty olo mijaly eo.¹⁶Ty mpanapaky tsy ampy fahazavan-tsay le mampijaly lozabey, fa ze malay ty tsy fahamarina ro hampitombo ty androny.¹⁷Laha meloky ty olo raiky safe nandatsaky lion'olo, le ho mpialam-ponena zisiky-mahafaty azy sady tsy hisy olo hamonjy azy.¹⁸Ndra ia ndra ia mandeha amy ty fahitia le ho arova, fa azy raiky ze mandeha amy tyblala-meloky iny ro ho lavo tampoky.¹⁹Zecmiasa ty taniny ro hanana hany lako, fa ndra ia ndra ia manoriky ty raha-tsy misy le hahazo fajalea bevata.²⁰Ty olo mahatoky ro hana fitahia bevata, fa ze malaky mahazo hanana ro tsy ho afaky-amy zao avao.²¹Tsy soa ty manoro fiangara, fa ho ahy ty tapa-mofo ro hananova ty olo ty tsy mety.²²Ty olo mahihitsy ro mania hanana malaky, fe tsy hainy fa ty fijalea ro ho avy aminy eo.²³Ndra ia ndra ia mananatsy olo, le hahita sitsaky maré vatany baka aminy noho ty baka amy azy raiky ze mandoka azy iny amy ty lelany afara zay.²⁴Ndra ia ndra ia mandrava ty babany noho ty reniny sady mivola hozao: "Tsy fahota zay," le nama azy raiky ze manimba iny ie.²⁵Ty olo tsy mahonon-tena manetsiky fifamalea, fa ze matoky an'Yaveh ro hotahiny.²⁶Ze matoky ty fony avao ro adala, fa ndra ia ndra mandeha am-pahendrea ro hilay ty loza.²⁷Ze manome ty mijaly ro tsy ho hijaly ndra ino ndra ino, fa ndra ia ndra ia mihiram-belo amin-drozy le handramby ozo bevata le bevata.²⁸Lafa mitsanga ty olo raty fanahy, le mivony ty olo, fa ty olo raty fanahy le ho rava, sady hitombo ty olo-marina.

Chapter 29

¹Ty olo raiky ze nandramby anatsy lako nefa mampahery ty hihitsiny le ho rava anay ty fotoa tsy ampy tsy misy fanafaha ao. ²Lafa mitombo ty olo-marina, le mifaly ty olo, fa lafa ty olo raty fanahy ro manapaky, le miay ty olo. ³Ndra ia ndra ia tea ty fahendrea ro mahafaly ty babany, fa ze miaraky amy ty mpaheriloha le manimba ty hananany. ⁴Mampipetsaky ty tany amy ty rariny ty mpanjaka, fa ze mangataky tsolotsy koa ro manimba zay. ⁵Ty olo ze mandiky ty namany le mamelatsy harato ho ahy ty tombony. ⁶Amy ty fahota ty raty fanahy ao ty fandriky, fa ty olo-marina koa ro mihira sady mifaly. ⁷Ty olo-marina ro mihevitsy ty aly ty olo mijaly; ty olo raty fanahy le tsy mahatakatsy fahaiza manahaky zay. ⁸Mampirehitsy ty tanà ty mpandratoraty, fa ze hendry rey koa ro mampivio heloky. ⁹Lafa mialy hevitsy amy ty adala ty olo-hendry raiky, le romotsy ie sady mihehy, sady tsy hisy fijanona. ¹⁰Ty lian-dio ro malay ze tsy manan-tsiny sady mifofo ty ay ty marina. ¹¹Ty adala ro mampitoto ty helokiny iaby, fa ty olo-hendry koa ro mitandraky zay sady mampieny ty vatany. ¹²Lafa mijanjy vandy ty mpanapaky, le ho raty fanahy iaby manam-pahefany iaby rey. ¹³Ty olo mijaly noho ty mampijaly le mitovitovy, fa Yaveh ro manome hazava ho ahy ty mason-drozy roe rey. ¹⁴Laha mitsara ty mijaly amy ty fahamarina ty mpanjaka raiky, le hipetsaky zisiky farany ty seza fipetrahany. ¹⁵Ty ratsan-kazo noho ty anatsy le manome fahendrea, fa ty anaky afaky tany ty fitsipiky le mahamenatsy ty reniny. ¹⁶Lafa amy ty fahefa ty olo raty fanahy eo, le mitombo ty fandikan-dalà, fa ty olo-marina koa le hahita ty fiongaha ty olo raty fanahy. ¹⁷Fehezo ty anakinao le hanome fijanona anao ie; handay hamamia amy ty fiainanao ie. ¹⁸Amy ze tsy misy fahita ty olo to-resaky ro mihabiby ty olo, fa tahie ze miemby ty lalà. ¹⁹Tsy ho voahity amy ty safa ty andevo, fa ndra le mahatakatsy ie; le tsy hisy valiny. ²⁰Hentao lahy ty olo ze mivola-malaky? Misy fanantena bevata maré ho ahy ty adala noho ty aminy. ²¹Ze mampiseho ty andevony zisiky amy ty fahatanorany, le hana olo amy ty fara zay any. ²²Ty olo meloky manetsiky fifamale sady ty tompo ty halaginy hanao fahota lako. ²³Ty avonavo ty olo raiky mampijotso azy, fa ie mana fanahy malemy koa le hameam-boninahitsy. ²⁴Ze mizara amy ty mpangalatsy le malay ty ainy avao; maharé ty ozo ie fa tsy mivola ndra ino ndra ino. ²⁵Ty tahotsy ty olo ro mahavy fandriky, fa ze matoky an'Yaveh ro ho voaaro. ²⁶Maro ze mila ty tarehy ty mpanapaky rey, nefa baka amy Yaveh ty rariny ho ahy ty olo raiky. ²⁷Ty olo tsy marina ro fahativativa ho ahy ty olo-marina, fa ze mahity lala koa ro mampangoritsy ty olo raty fanahy.

Chapter 30

¹Ty safa i Agora anaky i Jake---fanatera: nitory tamy i Itiela lahilahy io, tamy i Itiela noho Okala: ²Manahaky ty biby vatany zaho mandilatsy ty olo sady tsy mana ty fahazavan-tsany ty olombelo zaho. ³Tsy nianatsy fahendrea zaho, ndra mana ty fahaiza azy Raiky Masy iny. ⁴Ia ro niakatsy noho nijotso tan-danitsy any? Ia ro namory ty tsioky tan-tanany eny? Ia ro nahavoavory ty rano tamy ty sikiny eo? Ia ro namboatsy ty fara ty tany iaby? Ia ro anarany, safy is ro anaran'anakiny? Haiko vatany zay! ⁵Vita henty toetsy iaby ty safa Njanahary; fiaro ho ahy ze mialoky aminy Ie. ⁶Ka manampy amy ty safany, tsy noho saziny iha, sady ho voaporofa fa mpavandy. ⁷Raha roe ro angatahiko aminao, sady ka mitandraky aloha ty hahafatesako rey: ⁸Halaviro ahy ty raha-tsy misy noho ty vandy. Ka amea ahy ndra ty fijalea ndra ty hanana, fa amea ahy avao ty hany ze ilako. ⁹Fa laha mana bey maré zaho, le mety handà anao ka le hivola hozao: "Ia moa Yaveh?" Ndra laha nanjary mijaly zaho, le mety hangalatsy ka le handoto ty anara ty Njanahariko. ¹⁰Ka manendriky ty andevo anila ty tompony eo, soa hanozo anao ie sady ho voatandraky ho meloky iha. ¹¹Misy tariha manozo ty babany sady tsy misaotsy ty reniny. ¹²Misy tariha malio amasony eo avao, hondy tsy voasasa tamy velohany aza. ¹³Misy tariha manondrotsy ty masony, sady henteo ty fisondrota ty holi-masony! ¹⁴Misy tariha ze meso ty hiny, sady ty valanorany manahaky ty meso, mba handrapahany ty mijaly hiala amy ty tany sady ty malahelo tsy ho amy ty anak'olombelo eo. ¹⁵Ty linta mana-anak'ampela roe: "Ameo, Ameo" hoy ty fihokoakiny. Misy raha telo ze tsy mety afa-po, efatsy ze tsy mba mivola mihintsy hozao: "Ampy zay": ¹⁶Ie ty Fiainan-tsy hita; ty sarotso tsy miteraky; ty tany tsy dobon-drano; sady ty afo ro tsy mba mivola mihintsy hozao: "Ampy zay!" ¹⁷Ty maso ze mandratiraty ty raiky sady mpandrebyreby ty fankatoava ty reniny, ho tsikofy ty goaky am-baibo any ty maso zay, sady ho lany ty volotoro ie. ¹⁸Misy raha telo ze mahatseriky maré ho ahy, eka efatsy ze tsy takatsiko: ¹⁹ty lala ty voromahery an-danitsy eny; ty lala ty bibilava amy ty lafiam-bato eny; ty lala ty sambo anivo ty riaky eny; sady ty lala ty lahilahy miarakany amy ty somondrara ²⁰Zao ro fomba ty ampela maheriloha: mihina ie ka le mamafa ty vavany sady mivola hozao: "Tsy nanao raty zaho. ²¹Mihozo ambany ty raha telo eo ty tany, sady ambany ty raha efatsy ro tsy anany: ²²Ie ty andevo laha nanjary mpanjaka, ty adala laha vintsy hany; ²³ty ampela hala laha ampiakany; sady ty mpiasa ampela laha mangalaky ty pilasy ty tompo amelany. ²⁴Raha efatsy an-tany eto ro kelikely nefa hendry vatany: ²⁵ty vitiky ro voahary tsy matanjaky, nefa manoma ty haniny amy ty faharava ndrozy; ²⁶ty hyraky ty vato ro tsy voahary mahery, nefa manao ty fipetsahany anay lafiam-bato ao. ²⁷Ty galala ro tsy mana mpanjaka, nefa mitovy milahatsy soa ty liany. ²⁸Sady ty amy ty meso, le azonao tamdraha amy ty tananao roe zay, nefa le hita amy lapa ty mpanjaka any. ²⁹Misy raha telo ze soa famaloza sady efatsy ze soa fomba fandehany: ³⁰ty liona, ze mahery bibiky amy biby-li rey---tsy mivory amy ty ino ndra ino zay; ³¹ty akoholahy mpialy; ty aosilahy; sady ty mpanjaka ze anilany ty maramilany eo. ³²Laha adala iha, mampiaka-bata, ndra laha namisavisa raty---le anovy am-bavanao eo ty tananao. ³³Ty fanontsankotsana ty ronono ro mahavy ronono mandry sady manahaky ty fiboahan-dio amy ty oro ty olo laha aodikodiky zay, le manahaky zay koa ty asa anovy amin-keloky le miteraky aly.

Chapter 31

¹safa i Lemoela mpanjaka rey--- anatsy nampianary ty reniny azy. ²Ino, anako? Ino zay, anaky ty sarotsoko? Ino ro ilanao, anaky ty voadiko? ³Ka amea ty ampela ty herinao, ndra ty lalanao ho an'i ze mampipotoky ty mpanjaka rey. ⁴Zay ro tsy ho ahy ty mpanjaka, Lemoela, tsy ho an'i mpanjaka ty finoma divay rey, bdra Kia ho ahy ty mpanapaky mba hanontany hozao: "Aia ty raha-inomy mahery?" ⁵Tsy noho halinon-drozy ze fa voalily, sady hamaliky ty marina ho amy ty fijalea iaby. ⁶Ameo raha-inomy mahery ty olo ze fa ho maty sady divay ho an'i rey anay fijalea mangily. ⁷Hino ie sady hanalino ty fijaleany sady tsy hahatiaro ty fijaleany ie. ⁸Mivolana ho an'i ze tsy afaky mivola rey, ho ahy ty aly ze iaby fa ho maty. ⁹Mivolana maré ka le mitsarà manahaky ty rariny sady misoloa va a ho ahy ty olo mijaly noho malahelo. ¹⁰Ia ro afaky mahita ampela mahavita azy? Ty lanjany to mandilatsy lavitsy noho ty ravaky. ¹¹Ty fo ty valiny mitoky aminy, sady tsy hijaly mihintsy ie. ¹²Manao raha-soa ho azy ie sady tsy manao raty amy ty androm-piainany iaby. ¹³Mitingy volon'aondry noho rongony ie, sady miasa an-kafalea amy ty tanany. ¹⁴Manahaky sambo ty mpanao raharaham-barotsy rey ie; baka lavitsy ro andaisany ty haniny. ¹⁵Mifoha ie laha mbo haly sady manome hany ho ahy ty longonay, sady mizara ty asa ho an'i mpiasa ampela rey. ¹⁶Ie ro mandiniky ty baiho sady mivily zay, amy ty vokatsy ty tanany ro amboleny voloboky. ¹⁷Mampisalotsy hery ty vatany ie sady mampatandraky ty sandriny. ¹⁸Mahay ze mety ho tombony soa ho azy ie; anay ty haly iaby ty jirony ro tsy maty. ¹⁹Apetsany amy ty ampela eo ty tanany, sady tandrahany ty fitandraham-bohavoha. ²⁰Manatsotsa ty tanany amy ty olo mijaly ie; manatsotsa ty tanany amy ty olo mijaly ie. ²¹Tsy matahotsy havandra ho amy ty longony ie, safe ty longony iaby ro misiky volon'aondry mena. ²²Manamboatsy firakotsy ho ahy ty fandreamy ie, sady misalotsy fisikina rongony matify voloparasy. ²³Ty valiny ro hay amy ty vavahady ao, lafa mipetsaky miaraky amy ty olo bey ty tana ie. ²⁴Mamboatsy siky rongony foty ie sady mamarotsy rey, sady namatsy samboady ho an'i mpamarotsy rey ie. ²⁵Misiky ty hery noho ty voninahitsy ie, sady mihehy amy ty fotoa ho avy ie. ²⁶Mamoha ty vavany amy ty fahendrea ie sady amy ty lelany eo ty lalà ty hasoam-panahy. ²⁷Miemby ty lalà ty longony ie sady tsy mihina ty mofo ty fahalà. ²⁸Mitsangana ty anaky ka le nikaiky azy hoe voatahy, sady manompo azy ty valiny, manao hozao: ²⁹"Lako ty ampela fa nanao ty soa, fe mandilatsy azy iaby iha." ³⁰Fitaky ty hasoa, raha-tsy misy ty hadoa-tarehy, fa ty ampela matahotsy an'Yaveh, le ho tompoe ie. ³¹Ameo azy ty vokatsy ty tanany sady engao ty asany hanompoa azy amy ty vavahady eny.

Ecclesiastes

Chapter 1

¹Ndreto ty safa azy Mpitorin-tsafa iny, azy tariha i Davida noho mpanjaka i Jerosalema iny. ²Ty mpitorin-tsafa mivola zao. "Manahaky ty setroky zavo, manahaky ty tsioky, ty fanjava ty raha iaby, manenga fanontania lako. ³Ino ro tombon-tsoa azo ty olombelo baka amy ty asa iaby ze nivozahany tambany masoandro eo?" ⁴Ty tariha raiky lasa, sady ty tariha raiky hafa avy, kanefa ty tany mipetsaky zisiky farany. ⁵Miboaky ty masoandro, sady milentiky zay sady malisa himpoly amy ty toera ze hiboahany any indraiky. ⁶Mitsioky manantimo ty tsioky sady manao boribory miodiky mana avaratsy any, mandeha miodidy amy ty lalany zisiky any sady mimpoly ndraiky. ⁷Ony iaby rey mirotsaky an-driaky any, fa ty riaky tsy mba mety atsiky. Amy ze toera ze handehana ony rey any, ro handehana zay ndraiky. ⁸Lasa mahavozaky ty raha iaby, sady tsy misy afaky manazava zay. Ty maso tsy afa-po amy ze hitany, na ty sofy tanteraky amy ze rey. ⁹Ze iaby fa teo ro mbo ho eo, sady ze iaby fa vita ro mbo hanovy. Tsy misy raha vaovao ambany masoandro eto. ¹⁰Moa va misy raha ze mety ho volany hozao: "Ingo, raha-vaovao toy?" Ze iaby misy ro fa nisy zisiky amy ty fotoa ela any, anay tao ze avy ela talohantsika rey. ¹¹Hoy raha tsy misy hita ho mahatiaro raha ze niseho tany ty fotoa taloha rey, noho raha ze niseho vo malaky rey sady ze mbo hiseho amy ty ho avy sady tsy ho tiaro koa. ¹²Zaho Mpitorin-tsafa iny, sady fa mpanjaka tany Israely teo ta Jerosalema any. ¹³Nampiasa ty saiko zaho mba hianatsy noho hila am-pahendrea ty raha iaby ze nanovy tambany ty lanitsy eo. Filà zay ro asa mavesatsy ze namean-Janahary hoahy ty anak'olombelo mba hivozahany. ¹⁴Fa hitako iaby ty asa iaby ze nanovy tambany masoandro teo, sady ingo, ndrozy iaby le setsoky miavotsy noho fikasà ty hanohitsy ty tsioky. ¹⁵Ty meloky ro tsy mety hahity! Ty tsy avy tsy azo hisahy! ¹⁶Nivola tany ty foko zaho nanao hozao: "Ingo, zaho ro nahazo fahendrea bevata noho iaby ze talohako ta Jerosalema any rey. Ty saiko ro nahita fahendrea noho fahaiza bevata." ¹⁷Ka le nampiasa ty foko zaho mba hahay fahendrea noho fahatsoboan-tsay sady hadalà avao koa. Avy zaho mba hahatakatsy fa fikasà ty hanohitsy ty tsioky avao koa zay. ¹⁸Fa amy ty fitsobaha ty fahendrea ro mampisy fijalea bevata, sady ze mampitombo fahaiza ro mampitombo alahelo.

Chapter 2

¹Hoasako anakampo hozao: "Mamonjea zao, hitsapa anao amy ty hafalea zaho. Ka le tiavo fahafinareta." ²Fa ingo, tsitsioky mandalo avao zay. Hoasako tamy ty fiheheza hoe: "Fahadala zay," sady tamy ty fahafinareta hoe: "Ino ro ilà zay?"³Nanenty ty tam-poko tao zaho hozao ino ro hahitako fahafinareta amy ty divay. Engako ho tarihy ty saiko amy ty fahendrea zaho na le mbo voatandraky tamy ty hadala avao aza zaho. Te hahita ze soa ho ahy ty olo mba nanovy ambany ty lanitsy etoy zaho anay ty andro hiainany.⁴Nanantanteraky raha bevata rey zaho. Nananga tsano ho ahy zaho sady namboly tamy tanim-boloboky rey teo. ⁵Nananga zariday noho baibo ho ahy ty vatako zaho; namboly karaza-hazo iaby fihinan'alika tamy zay teo zaho. ⁶Namoro farihin-drano mba hanomeza rano ala rey ze nitomboha hazo rey zaho. ⁷Niviliko andevo lahy rey noho andevo ampela rey; nana andevo teraky tan-dapako ao zaho. Nana aomby lako noho aondry noho aosy ho biby haré avao koa zaho, lako mandilatsy noho ty ahy mpanjaka ze nanapaky talohako rey teo ta Jerosalema ao. ⁸Namory volafoty noho volamena, ty hanana mpanjaka rey noho faritany rey ho ahy ty vatako avao koa zaho. Nana mpihira lahilahy noho ampela ho ahy ty vatako manoka zay--- fahafinareta ty anak'olombelo rey---sady valy tsy vita fomba lako.⁹Le nanjary bevata noho mpanarivo mandilatsy noho iaby ze talohako rey ta Jerosalema ao zaho, sady ty fahendrecko nipetsaky tamiko. ¹⁰Ndra ino ndra ino nirý ty masoko, le tsy nitandrahako tamin-drozy. Tsy nitandraky ty foko tamy ty fahafinareta iaby ty zaho, safe ty foko ro nifaly tamy ty asako iaby sady ty fahafinareta ro valisoako tamy ty asako iaby.¹¹Le nanenty asa iaby vita ty tanako rey zaho, noho havoza ha ze nanoviko rey, fa ty raha-iaby ro setsoky noho fikasa hanohitsy ty tsioky ndraiky. Tsy nisy tombon-tsoa tamy zay tambany ty masoandro etoy. ¹²Bakeo le nitoliky zaho mba hidiniky ty fahendrea, sady koa ty fahatsoboan-tsay noho ty hadala. Fa ino ro azo ty mpanjaka ho avy hanolo ty mpanjaka anovy, ze tsy mbo tanteraky?¹³Le nanomboky nihanazava ty saiko fa ty fahendrea ro ahazoa tombony vatany noho ty fahadala, manahaky ty fahazava soa vatany noho ty haiky. ¹⁴Ty olo-hendry ro mampiasa ty masony amy ty lohany eo mba hanentea ty lala-andehanany, fa ty adala ro mandeha amy ty haiky, na ro haiko aza fa lahatsy mitovy avao ro ho ahy ty olo-iaby.¹⁵Le hoy zaho tam-poko tao hozao: "Ze mahazo ty adala, le hahazo ahy avao koa. Ka le ino ro maha-sambihafa zay laha ho tena hendry zaho?" Le nifeheziko tam-poko ao hozao: "Toy koa le setsoky avao." ¹⁶Fa ty olo-hendry, manahaky ty adala, le tsy ho tiaro ela avao. Ho avy ty andro ze hanalinoa ty raha-iaby. Ty olo-hendry le maty manahaky ty mahafaty ty adala.¹⁷Ka le nalay ty fiaina zaho safe asa iaby rey ze vita tambany masoandro eo le raty tamiko. Zay le safe ty raha-iaby ro setsoky noho fikasa hanohitsy ty tsioky rey. ¹⁸Halako iaby havoza hako iaby rey ze niasako tambany masoandro eny safe le tsy maintsy manenga rey afara any ho ahy ze lahilahy ho avy manaraky ahy zaho.¹⁹Fa ia ro mahay na ho olo-hendry ie na adala? Nefa ie ro ho tompo era ty raha-iaby ambany masoandro ze natsanga ty havoza ko noho ty fahendrecko. Setsoky avao koa zay. ²⁰Laha zay ro nanomboky namono fo tamy asa iaby ze nanoviko tambany masoandro teo zaho.²¹Fa mety misy ty olo ze miaritsy amy ty fahendrea, amy ty fahaiza, sady amy ty fahaiza-manao, fa hengany ho ahy ty lahilahy ze tsy nanao ndra raiky tamy rey aza ty raha-iaby hananany. Zay koa ro setsoky noho loza bevata. ²²Fa ino ro tombon-tsoa azo ty olo ze miasa mahery noho miezaky manao amy ty fony asany rey ambany masoandro eo? ²³Isan'andro ro maharary sady mampialy say ty asany, ka le tsy mahita fijanona ty fanahiny amy ty haly. Zay koa ro setsoky.²⁴Tsy misy raha soa amy ty olo mandilatsy ty hoe mihina noho mino avao sady afa-po amy ze soa amy ty asany. Le nahita zaho fa baka amy ty tanan-Janahary marina zay. ²⁵Fa ia ro afaky hihina ndra ia ndra ia afaky hana fahafinareta isan-karazany ankoatsy ty baka amin-Janahary?²⁶Fa ze mahay Azy, ro hanomen-Janahary fahendrea noho fahaiza sady fifalea. kanefa, ty mpanota ro ameanany ty asa famoria noho fanajaria mba hafahany manome zay ho ahy ty olo ze mahafaly an-Janahary. Zay koa ro anisa ty setsoky noho fikasa hanohitsy ty tsioky.

Chapter 3

¹Fa ty raha-iaby ro fa voatondro amy ty fotoany, sady ty vanim-potoa ho amy ty tanjony kirai-draiky ambany lanitsy. ²Misy fotoa ahateraha sady fotoa ahafatesa, fotoa hambolea sady fotoa hamokara, ³fotoa hamonoa sady fotoa hanafaha, fotoa handravà sady fotoa hanangana. ⁴Misy fotoa hitania sady fotoa hiheheza, fotoa hisaona sady fotoa hisindraha, ⁵fotoa hanariam-bato sady fotoa hamoriam-bato, fotoa hipirita olo-hafa, sady fotoa handrara ty fipirita. ⁶Misy fotoa hilan-draha sady fotoa hijanona mila, fotoa hipitiha amin-jaha sady fotoa hanaria zay, ⁷fotoa hanataha sady fotoa fitsebeha, fotoa milamy sady fotoa hivolana. ⁸Misy fotoa hitiava sady fotoa halaina, fotoa hialia sady fotoa hiongoa. ⁹Ino ro tombony azo ty mpiasa amy ty asany? ¹⁰Fa hitako ty asa ze namean-Janahary ho tanteraha ty olombelo. ¹¹Fa nanao ty raha-iaby hifanaraky amy ty fotoany Njanahary. Fa nampipetsaky ty zisiky farany tam-po ao avao koa le rey. Nefa tsy afaky hahatakatsy ty asa bevata ze nanovin-Janahary ty olombelo, zisiky amy ty fanombohany ka le zisiky amy ty fihafarany. ¹²Haiko fa tsy misy raha soa ho ahy ty olo noho ty mifaly noho manao raha-soa zisiky any laha mbo velo koa ie--- ¹³sady ty olo-hendry ro tokony hihina noho hino, sady tokony hahay hifaly amy ty soa ze baka amy ty asany iaby. Fanomeza baka amin-Janahary zay. ¹⁴Haiko fa ze iaby anovin-Janahary le ela zisiky farany. Tsy afaky ampea na angala zay, safe Njanahary ro fa nanao zay mba amonjea ty olo Azy amy ty voninahitsy. Ze iaby misy ro fa nisy, ¹⁵Ze iaby hisy ro fa nisy. Njanahary ro nanao ty olombelo Njanahary raha-ty hita rey. ¹⁶Fa nahita ty haratia ze ambany masoandro eto zaho, ze tokony hisy ty rariny, sady amy ty toera ty fahamarina eo, le ty haratia ro tao. ¹⁷Hoasako anakampo hoe: "Ho tsaran-Janahary amy ty fotoany ty olo-marina noho ty raty fanahy ty amy ty raharaha noho ty asany iaby." ¹⁸Hoasako anakampo hozao: "Manenty toetsin'olombelo Njanahary mba hampitoroa androzy fa manahaky ty biby ndrozy." ¹⁹Fa amin-drozy ro baibo ty mahazo ty anak'olombelo noho ty mahazo ty biby. Ty fahafatesa ty raiky manahaky ty fahafatesa ty raiky hafa. Mitovy ty imbon'ain-drozy iaby. Tsy misy tombony ho ahy ty olombelo amy ty biby eo. Fa moa va tsy imbon'ay avao ty raha-iaby? ²⁰Ty raha-iaby ro samby manaraky amy ty toera raiky. Ty raha-iaby ro baka amy ty lemboky, sady ty raha- iaby ro himpoly lemboky. ²¹Ia ro mahay na miakatsy anabo ty fanahy ty olombelo any sady mijotso amy ty tany any ty fanahy ty biby? ²²Ka le tsapako ndraiky fa tsy misy raha soa ho ahy ty olo noho ty mifaly amy ty asany, fa zay ro asa nanondroa azy. Ia ro afaky handay azy mimpoly mba hanenty ze mitsanga afarany?

Chapter 4

¹Nandiniky indraiky momba ty fijalea iaby ze vita tambany masoandro eo zaho. Sady ingo, ty ranomaso ty olo nampijaly, sady ndrozy ro tsy nana ndra ia ndra ia mba hampieny azy! Tan-tana ty mampijaly eo aza ty hery rey, sady tsy nisy ndra raiky hampieny androzy!²Laha zay le manao akory ty olo maty zaho, ze fa maty rey, fa tsy ty maiky, ze mbo velo rey. ³Kanefa, sambatsy noho ndrozy roe tonta ty olo ze tsy mbo niharé, ze tsy mbo nahita ty asa raty iaby ze vita tambany masoandro eo.⁴Sady hitako fa ty asa kirai-draiky noho ty fahaiza-manao kirai-draiky ro lasa maniry ty mpiara-mipetsaky hafa. Zay avao koa ro setsoky noho fikasà hanohitsy ty tsioky.⁵Ty adala mamoritsy ty tanany sady tsy miasa, ka le ty nofotsiny avao ro haniny. ⁶Fa soa vatany ty tombony raiky tana amy ty asa milamy noho ty roe tana amy ty asa ze miezaky ty manohitsy tsioky.⁷Bakeo le nandiniky momba ty raha-tsy misy lako ndraiky zaho, fifandrava zavo lako tambany masoandro eo. ⁸Misy ty karazan-dehilahy ze mipetsaky raiky. Tsy mana ndra ia ndra ia ie, na anakilahy na rahalahy. Tsy misy fiafara ty asany, sady ty masony tsy mba afa-po amy ty hanana azo. Nanontany vata ie hozao: "Ho amin'ia ro hiasako mahery sady handàna ty vatako ty fifalea?" Raha-tsy misy avao koa zay, toe-draha raty.⁹Soa vatany ty olo roe miasa noho ty raiky; laha miaraky ndrozy le afaky mahazo karama soa ho ahy ty asany.¹⁰ Fa laha lavo ty raiky, le afaky manary ty namany raiky hafa iny. Kanefa, ty alahelo ro manoriky raiky ze raiky iny lafa lavo ie ka le tsy misy ndra raiky aza manary azy. ¹¹Laha roe ro miaraky-miroro, le mety hafana ndrozy, fe atao akory ro hampafana raiky ty raiky?¹²Ty lahilahy raiky ro mety resy, fa ty roe mety afaky manohitsy fanafiha, sady ty foly telo tsy mora tapaha.¹³Soa vatany ty mijaly fa tanora hendry manahaky ze mpanjaka antitsy adala ze tsy mahay sasy ty fomba ijanjina fampiembenana. ¹⁴Marina zay na le lasa mpanjaka aza ty pamaraky raiky an-gadra any, na ro mbo nateraky hijaly amy ty fanjakany ao aza ie. ¹⁵Kanefa, zaho ro nahita ty olo iaby ze velo noho mandeha ambany ty, masoandro mandefa ty vatan-drozy mana amy ty pamaraky hafa ze nitsanga manahaky ty mpanjaka any. ¹⁶Tsy misy fihafarà ho ahy ty olo iaby ze maniry ty hankato ty mpanjaka vaovao, fa afara kelikely ro lako amin-drozy ro tsy hanompo azy sasy. Setsoky vatany toe-jaha zay sady fikasà hanohitsy ty tsioky.

Chapter 5

¹Embeno ty fandaisam-batanao lafa mana an-tsanon-Janahary any iha. Mandehana any mba hijanjy. Ty mijanjy ro soa noho ty adala manome soro nefa tsy mahay fa raty ty anovin-drozy amy ty fiay eo.²Mba ka malaky maré mivola amy ty vavanao, sady ao ty fonao tsy halaky mare hampiakatsy ze raharaha iaby alohan-Janahary eo. Andanitsy any Njanahary, fa iha an-tany etoy, ka le engaho tsy ho ampy safanao rey.³Laha bevata loatsyty raha anovinao noho mampiahiahy anao, le hanonofy raty vatany iha. Ty halakoa safa volaninao rey, ro halakoa ty fahadala mety ho volaninao.⁴afa mivoady amin-Janahary iha, le mba ka lenalena amy ty fananova zay, fa tsy sitsakin-Janahary adala rey. Anovo ze nananovanao vava fa hanovy.⁵Aleo tsy mamoaiky vava manahaky ze manao vava ze tsy tanteraky.⁶Mba ka enga hampanota ty nofotsinao ty vavanao. Mba ka mivola amy ty raiky ty mpisoro hozao: "Hadisoa voadiny iny." Nanino ro mampeloky an-Janahary amy ty fanaova voady tsy ie, mihantsy an-Janahary hanimba ty asa ty tananao?⁷Fa amy ty nofy lako ao, manahaky ty amy ty safa lako ao, le misy setsoky tsy misy dikany. Ka le matahora an-Janahary.⁸Laha hitanao ampijalea noho robata amy ty fandaisa marina noho mahity amy ty faritaninao ao ty mijaly, le mba ka tseriky laha tsy misy olo ze miemby rey ambany fahefan-drozy eo, sady misy olo anabo mare aza mpanapaky androzy.⁹Fanampy zay, ahy ty olo-iaby ty vokatsy ty tany, sady ty mpanjaka mihintsy ro mangalaky ty vokatsy amy baibo rey.¹⁰Ty olo iaby ze tea volafoty le tsy ho afa-po amy ty volafoty, sady ty olo iaby ze tea hanana ro mila mandilatsy zisiky farany. Zay, avao koa, ro setsoky.¹¹Manahaky ty hitomboha ty fitahia, le manahaky zay avao koa ty olo ze mihina zay. Ino ro tombon-tsoa ahy ty tompony amy ty hanana lafa-tsy ty manenty zay amy ty masony?¹²Mamy ty roro ty olo miasa, na mihina kelikely na lako ie, fa ty hanana ty olo mpanarivo le tsy manenga azy hiroro soa.¹³Misy raty mijaly ze fa hitako ambany masoandro teto: le hanana avery ty tompony, fa miafara amy ty fijaleany avao.¹⁴Laha tsobo amy ty vintan-dratsy ty hanana ty olo mpanarivo, ty anakilahy, azy naterakiny iny, le tavela tsy mana ndra ino ndra ino an-tanany eo.¹⁵Manahaky ty olo teraky nitanjaky baka an-tsaron-dreniny ao, le mitanjaky manahaky zay avao koa ro hialany amy fiaina toy. Tsy afaky handay ndra ino ndra ino antany eny baka amy ty asany ie.¹⁶Ty raty mijaly hafa le manahaky ty olo avy vatany, ka le manahaky zay koa ro tsy maintsy handehanany. Ka le ino ty tombony azo ty olo amy ty fiasa ho ahy ty tsioky?¹⁷Anay ty androny le nihina amy ty haiky ie sady mijaly maré amy ty aretyvnoho heloky.¹⁸Ingo, ze fa hitako ho soa noho mety le ty mihina noho mino sady tea ty tombony baka amy ty asantsika iaby, laha miasa ambany ty masoandro anay ty androm-piainany ze fa namean-Janahary antsika toy. Fa zay ro anjara ty olo.¹⁹Ty olo ze namean-Janahary fanana noho hanana sady fahaiza mba handramby ty anjarany ka le hifaly amy ty asany---fanomeza baka amin-Janahary zay.²⁰Fa tsy mahatiaro matetiky androm-piainany rey ie, safe anovin-Janahary havozaaha amy raha ze teany rey tao.

Chapter 6

¹Misy raty ze fa hitako tambany masoandro teo, sady mahery ho ahy ty olo zay. ²Mety hanome fanana, hanana, sady voninahitsy amy ty olo raiky Njanahary mba tsy hijaly ndra ino ndra ino amy ze iriny ho ahy ty vatany ie, fe Njanahary tsy hanome fahefa azy mba hitiavany zay. Fa koa, misy olo-hafa mampiasa rahany rey. Rava tsy misy, fampijalea raty zay.³Laha misy lahilahy mana anaky an-jatony noho miay tao lako, mba ho lako ty andro ty taony rey, fa laha tsy afa-po amy ty soa ty fony sady tsy alevy amb-boninahitsy ie, le hoy zaho hoe aja maty tampahateraha teo ro soa vatany noho ie. ⁴Ndra le soa amy ty raha-tsy misy aza ty aja manahaky zay sady maty amy ty haiky ao, sady mipetsaky ho famonia ty anarany.⁵Na ld tsy mahita ty masoandro aza aja io na tsy mahay ndra ino ndra ino, le mana fijanona mandilatsy noho lahilahy zay ie. ⁶Na le tokony hiay roarivo tao aza ty olo nefa tsy mianatsy mankafy raha soa rey, le mandeha amy ty toera mitovy manahky ty olo hafa iaby any ie.⁷Ty asa ty olo iaby le amy ty vavany, nefa tsy mbo afa-po amy ty hiomany. ⁸Eka vatany, ino ro tombon-tsoa anara ty olo-hendry amy ty adala? Ino ro tombon-tsoa anara ty mijaly na ro mahay ty fomba fihetsiky aloha ty olo hafa aza ie?⁹Soa vatany ty afa-po amy ze hita ty maso noho ty maniry ze ila ty homa tsikely-kely, ze zevoky noho ando hanohera tsioky avao koa. ¹⁰Ze iaby nisy ro fa namea ty anarany, sady fa hay hoe manahaky ty ino ty olombelo. Laha zay le nanjary tsy misy dikany ty mifamaly amy ze mpitsara mahery ty iaby. ¹¹Arakaraky ty halakoa ty safa voaresaky, ro hitomboana ty raha-tsy misy, ka le ino ro tombon-tsoa zay amy ty olo? ¹²Fa ia ro mahay ze soa ho ahy ty olo amy ty fiainany mandalo eo, andro voahisaky ze fiainany manahaky ty aloky? Ia ro afaky mivola amy ty olo ty amy ze ho avy ambany masoandro eo lafa baka mandalo ie?

Chapter 7

¹Ty Laza soa le soa vatany noho ty ranomanitsy sarotsy viliny, sady ty andro hahafatesany le soa vatany noho ty andro hahaterahany. ²Soa vatany ty mandeha amy ty tsano fisaona any noho ty amy ty tsano fifalea any, safe ty fisaona ro avy amy ty olo iaby amy ty fara ty fiaina, ka le tokony rambesy ty olo velo am-po zay. ³Ty alahelo ro soa vatany noho ty faly. fa afara ty endriky malahelo ro hiavia ty hafalea ty fo. ⁴Ty fo ty hendry ro an-tsano fisaona ao, fa ty fo ty adala koa an-tsano fifalefalea ao. ⁵Soa vatany ty mijanjy ty safa mahery ty hendry noho ty mijanjy ty hira adala rey. ⁶Fa manahaky ty fikarepoky tsifa mirehitsy ambany valany rey, le manahaky zay koa ty fiheheza adala rey. Zay, avao Koa, ro raha-tsy misy. ⁷Ty fangala forosé ro azo antoky fa mahalasa adala ty hendry, sady ty koliko, manimba ty fo. ⁸oa vatany ty fihafara ty raharaha raiky noho ty fiandohany; sady ty olo ela am-panahy ro soa vatany noho ty mirengirengy am-panahy. ⁹Mba ka mora meloky ty fanahinao, safe ty heloky ro mipetsaky am-po adala rey ao. ¹⁰Mba ka mivola hozao: "Nanino andro faela rey ro soa vatany noho ndreto?" Fa zay ro tsy noho ty fahendrea laha manontany fanontanea io iha. ¹¹Ty fahendrea le soa noho raha manan-danja rey ze nilovantsika baka amy razambetsika rey. Zay ro manday tombon-tsoa ho ahy ze mahita ty masoandro rey. ¹²Fa ty fahendrea ro manday fiarova manahaky ty jala ze afaky manday fiarova, fe ty tombon-tsoa ty fahaiza le ty hoe manome fiaina ho ahy ze mana azy rey ty fahendrea. ¹³Saino asan-Janahary rey: Ia ro afaky hanitsy ty raha iaby nihelofa? ¹⁴Lafa soa ty andro, le miay am-pifalea amy zay hasoa zay, fa raty ty andro, le saino ty momba toy: Njanahary ro fa nanenga androzy roe hiaraky. Laha antony zay, le tsy misy mahita ty raha iaby ze mitsanga afarany. ¹⁵Fa nahita raha lako zaho anay andro kelikeliko rey. Misy olo-marina ze rava na le eo aza ty fahamarinan-drozy rey, sady misy olo raty fanahy ze ela velo rey na le eo aza ty haratian-drozy. ¹⁶Mba ka manamarim-bata, hendry amasonao eo. Nino ro tokony hanimba ty vatanao iha? ¹⁷Mba ka le raty fanahy na mihagegigegy maré. Nanino iha ro tokony ho maty aloha ty fotoa? ¹⁸Soa laha mitanjaky fahendrea io iha, sady tsy tokony hanenga ty fahamarina handeha. Fa ty olo ze matahotsy an-Janahary le hahita ty asany rey iaby. ¹⁹Mahery ty fahendrea amy ty olo-hendry ao, mandilatsy noho ty mpanapaky folo amy ty taná raiky ao. ²⁰Tsy misy olo-marina manao soa noho tsy mbo nanonta zay mihintsy an-tany eto. ²¹Mba ka mijanjy tysafa iaby ze voavola, safe mety haharé ty mpiasanao hanozo anao iha. ²²Manahaky zay koa, iha le mahay fa manozo isan'andro ty hafa tam-ponao ao manoka iha. ²³Iaby rey ro fa voaporofoko tamy ty fahendrea. Hoy zaho hozao: "Ho hendry zaho," fe nandilatsy ty tokony ho ie zay. ²⁴Ty fahendrea ro lavitsy noho laliky. Ia ro afaky hahita zay? ²⁵Nanova ty foko mba hianatsy noho handiniky sady hila ty fahendrea noho fanazava ty raha-misy rey zaho, sady hahatakatsy fa adala ty raty sady ty hadala ro fahatsoboan-tsay. ²⁶Hitako fa mangily vatany noho ty fahafatesa ty ampela ze atsiky fandriky noho harato ty fony, sady misy rojo vy ty tanany. Ndra ia ndra ia mankasitsaky an-Janahary le ho afaky aminy, fa mpanota rey koa ho lasany. ²⁷"Saino ze fa hitako," hoasa ty Mpitorin-tsafa. "Nanampy vokatsy fikaroha raiky tamy ty hafa zaho mba hahita fanazava ty raha-misy. ²⁸Zay ro mbo karohiko, fe tsy hitako zay. Tsy nahita olo-marina raiky tamy ty arivo raiky eo zaho, sady tsy nahita ampela raiky tamy iaby rey eo zaho. ²⁹Toy avao ro fa hitako: fa Njanahary ro namoro ty olombelo ho mahity, fe nandeha nila fahasahirana lako ndrozy."

Chapter 8

¹Ia ro olo-hendry? Ia ro mahay ty dika raha-miseho amy ty fiaina rey eo? Ty fahendrea amy ty olo eo ro mahavy ty tarehiny ho soaso, sady miova ty fahery ty tarehiny.²Manoro hevitsy anao zaho mba hankato ty lily ty mpanjaka noho ty fiainan-Janahary hiaro azy. ³Mba ka malay amy ty famonjea azy. Sady mba ka miaritsy amy ty fananovan-draty, safe ty mpanjaka manao ze iaby iriny. ⁴Mpanjaka ty safa ty mpanjaka, ka le ia ro hivola aminy hozao: "Ino anovinao toy?"⁵Ndra ia ndra ia miemby lily ty mpanjaka rey le misoroky heloky. Ty fon'olo-hendry le manenky ty lala hiaroa noho ty fotoa ty fihetseha. ⁶Misy valiny marina noho fotoa hamalia ty raha iaby, safe bevata ty raha mahazo olo rey.⁷Tsy misy mahay ze ho avy manaraky. Ia ro afaky hivola aminy ze ho avy?⁸Tsy misy mpanapaky amy ty imbon'ainy ka le hampijano ty imbon'ay, sady tsy misy manan-kery amy ty andro ty fahafatesany. Tsy misy afaky amy ty tafiky anay ty aly, sady ty haratia ro tsy hamonjy ze andevo rey zay. ⁹Nahay iaby zay zaho; nampihanto ty foko tamy ty asa soa iaby ze nanovy tambany masoandro teto zaho. Misy ty fotoa ze ampijalea ty olo ty hafa amy ty fandratsy olo zay.¹⁰Ka le hitako ty raty fanahy nalevy amason'olo lako. Nala tamy ty faritsy masy ndrozy ka le nalevy sady nitompoa olo mipetsaky amy ty tanà rey ze ao nananovan-drozy ty asa ratiny. Zay koa ro tsy misy dikany. ¹¹Laha tsy tanteraky malaky ty lilim-pitsarà hanohitsy ty heloky bevata raty, le mitao fon'olombelo rey hanao raty zay.¹²Na le manao raty in-jato aza ty mpanota sady mbo velo anay ty fotoa ela, le haiko fa soa ho ahy ze manaja an-Janahary rey, ze manome voninahitsy ty famonjeany miaraky amin-drozy zay. ¹³Fa tsy ho soa ho ahy ty olo raty fanahy zay; tsy hoela ty fiainy. Androny rey ro manahaky ty aloky miparitaky safe tsy manome voninahitsy an-Janahary ie.¹⁴Mbo misy raha-tsy misy hafa--raha hafa vita tanabo ty tany tetoy. Raha mitsanga amy ty olo-marina rey le manahaky ty fitsanga amy ty olo raty fanahy rey, sady manahaky ty itsangana raha amy ty raty fanahy rey ro itsangana zay amy ty olo-marina. Hoasako hoe raha-tsy misy avao koa zay. ¹⁵Ka le mitaky ty hafalea zaho, safe tsy misy raha soa azo ty olo ambany masoandro eny noho ty mihina noho mino sady mifaly. Le ty hafalea ro hanaraky azy amy ty asany any amy ty androm-piainany iaby ze namean-Janahary azy ambany masoandro.¹⁶Laha nanefy ty foko hahay ty fahendrea zaho noho hahay ty asa ze anovy ambony ty tany eto, le vita tsy amin-droro amy ty haly na amy ty atoandro matetiky ty asa,¹⁷ le nandiniky asan-Janahary iaby rey zaho, sady ty olo ro tsy afaky ty hahatakatsy ty asa ze vita tambany ty masoandro teto. Ndra nanino ndra nanino ty halako ty asa ty olo mba hahita valiny rey, le tsy hahita zay ndrozy. Ndra zay aza ty olo-hendry le mety hanenky fa mahay ie, nefa tsy le tena mahay vatany.

Chapter 9

¹Fa nieritseritsy ty mikasiky iaby zay tan-tsaiko taro zaho mba hatakarako momba ty olo-marina noho ty olo-hendry sady asan-drozy rey. am-pelatanan-Janahary iaby ndrozy iaby. Tsy misy ndra ia ndra ia mahay na ho fitea ndra ho falaina ro ho baka amy ty olo raiky.²Mitovy ty lahatsy ty kirai-draiky. Mitovy ty lahatsy mandiny ty olo-marina noho ty olo raty fanahy, ty soa, ty malio noho tyvmaloto, sady ze manao soro noho ze tsy manao soro. Ho maty ty olo-marina, le hanahaky zay avao koa ty mpanota. Ho maty ze mitahy, le hanahaky zay avao koa ty olo ze matahotsy manao fiaina.³Misy lahatsy raty ho ahy ty raha iaby ze ambany masoandro eto, lahatsy raiky ho ahy ty kirai-draiky. Atsiky raty ty fon'olombelo, sady am-pon-drozy ao ty hadala laha mbo velo koa ndrozy. Ka le afara zay ro mana amy ty maty any ndrozy.⁴Fa ndra ia ndra ia miaraky amy ty olo iaby, le misy fanantena, manahaky ty mahasoa ty alika velo noho ty liona maty.⁵Fa ty olombelo ro mahay fa ho maty ndrozy, fa ty maty tsy mahay ndra ino ndra ino. Tsy mana valiso sasy ndrozy, safe fa halino ty fahatiarova ndrozy.⁶Ty fitea, ty fankalaina, sady ty fanirian-drozy ro fa nanjavoo fa ela. Tsy hana toera amy ty raha iaby ze anovy ambany masoandro etoy sasy ndrozy.⁷Mandehana amy ty lalanao, hano am-pifalea ty mofonao, sady inomo amy ty fo faly ty divainao, safe Njanahary ro manenky ty fankalaza asa soa rey.⁸Enganie ho foty zisiky farany ty akanjonao sady enganie ho voahosotsy amy ty solo-bonio ty lohanao.⁹Miay am-pifalea miaraky amy ty valy teanao amy ty androm-piainanao iaby mandalo avao, le andro ze namean-Janahary anao rey tambany masoandro eny anay andronao rey mandalo avao. Zay ro valisoa amy ty fiaina noho asanao rey tambany masoandro eny.¹⁰Ndra ino ndra ino hita ty tananao anovy, le iasao amy ty herinao zay safe tsy misy asa na fanazava na fahalala na fahendrea amy ty Fiainan-tsy hita any, ze handehananao.¹¹Fa nahita raha sasantsasany mahatseriky tambany masoandro teo zaho: Ty lailay ro tsy ahy ty olo malaky fandehana. Ty aly ro tsy ahy ty olo matanjaky. Ty mofo ro tsy ahy ty olo-hendry. Ty hanana ro tsy ahy ty olo ty fahazavan-tsary. Ty sitsaky ro tsy ahy ty olo ty fahaiza. Fa koa, ty fotoa noho ty vinta ro mahazo amin-drozy iaby.¹²Fa tsy misy ndra ia ndra ia mahay ty fotoa hahafatesany, manahaky ty hazan-drano ze tsatsy amy ty harato ty fahafatesa ao, na manahaky ty voro ze azo ty fandriky. Manahaky biby rey, ty olombelo ro gadra amy ty fotoan-draty ao ze avy tampoky amin-drozy.¹³Fa nahita fahendrea tambany masoandro eo avao koa zaho manahaky ty hoe bevata tamiko zay.¹⁴Nisy tanà kelikely raiky ze tsy ampy olo taminy ao, sady nisy mpanjaka bevata avy nanao vava zay sady nanory toera fanganiha bevata tanila zay teo.¹⁵Sady nisy mijaly raiky, lahilahy hendry hits tamy tanà iny ao. ze nanavotsy tanà iny tamy ty fahendreny. Nefa tafara tato, le tsy nisy nahatiaro sasy lahilahy mijaly io.¹⁶Ka le feheziko amy ty hoe: "Soa vatany ty fahendrea noho ty tanjaky, kanefa nanovy tsinotsino ty fahendrea olo-mijaly iny, sady tsy ré safany rey."¹⁷Ty safa moramora ty hendry ro ré soa vatany noho ty potsero ze mpanapaky amy ty adala eo.¹⁸Ty fahendrea ro soa vatany noho kobay-fialia amy ty aly rey, Kanefa ty mpanota raiky ro mety handrava soa lako.

Chapter 10

¹Manahaky ty fatin-dalitsy ze maimbo ty raha-manitsy, le manahaky zay koa ro ahafaha ty fahadalako kelikely mandresy ty fahendrea noho ty fankatoava. ²Ty fo ty olo-hendry ro mihorira manankavana, fa ty fo ty adala mihorira manankavia. ³Lafa mandeha mijotso an-dala eny ty adala, le tsy ampy say ie, manamarina amy ty olo iaby fa adala ie. ⁴Laha miakatsy manohitsy anao ty fihetseham-po ty mpanapaky, mba ka miala ty asanao. Ty fienena ro afaky tsy mampivola heloky bevata. ⁵Fa misy ty raty ze hitako tambany masoandro eo, karaza hadisoa baka amy ty mpanjaka: ⁶Adala rey ro namea toeram-pitariha, laha olo vano nomea toera ambany. ⁷Nahita andevo niondra-sovaly zaho, sady olo rey vano nandeha an-tomboky tamy ty tany eny manahaky ty andevo. ⁸e iaby mihaly lavaky ro mety holavo amy zay ao, sady ndra ombia ndra ombia misy olo mampikopaky vala le mety ho hehery ty bibilava ie. ⁹Ze iaby manapaky vato ro mety ho voasoratsy zay, sady ty olo ze manapaky hazo ro talindro zay ie. ¹⁰Laha domoky ty lela ty vy, sady ty olo tsy mandranitsy zay, le tsy maintsy mampiasa ty heriny bey maré ie, fa ty fahendrea le manome tombony ho amy ty fahombiaza. ¹¹Laha manehitsy aloha ty nanamasy aoly ty bibilava, le tsy misy tombony ho ahy ty mpanao aoly. ¹²Safa ty vava ty olo-hendry rey le hasoam-panahy, fa ty sony ty adala ro mitely azy avao. ¹³Manahaky ty safa manomboky mirotsaky baka ambany ty adala eo, ro hiboaha ty hadalà, sady amy ty farany ty vavany le hirotsaky fahatsoboan-tsay raty. ¹⁴Ty adala mampitombo safa, fa tsy misy mahay ze ho avy. Ia ro mahay ze baka afarany ao? ¹⁵Ty havoza ty adala ro manavesatsy androzy, ka le tsy hainy na le ty lala mana an-tana-bevata any aza. ¹⁶Loza ho ahinao, tany, laha mpamaraky ty mpanjakanao, sady laha manomboky manao fifalefalea amy ty maray mpitariky anao rey! ¹⁷Fa sambatsy iha, tany, laha ty anakilahy maeva-hajà ro mpanjakanao, sady mihina amy ty fotoany mpitariky anao rey, ho tanjaky, fa tsy ho amy ty hamamo! ¹⁸Fa noho ty hakamo ro mampilatsaky ty tafo, sady noho ty fahalaina ty tana ro mampitete ty tsano. ¹⁹Manoma hany ho amy ty fiheheza ty olo, ty divay manday fitiava fiaina, sady ty jala manatsiky ty filan-draha iaby. ²⁰Mba ka manozo ty mpanjaka, na le an-tsainao ao aza, sady mba ka manozo ty olo mpanarivo amy ty efitsy firoroanao ao. Fa ty voro ty lanitsy mety handay safanao rey; ze iaby mana-elatsy le afaky manaparitaky ty raharaha.

Chapter 11

¹Alefaso anabo ty rano eny ty mofonao, fa ho hitanao ndraiky zay afaky andro lako. ²Zarao amy ty olo fito zay, na ro olo valo aza, fa tsy hainareo ze hiavia loza rey amy ty tany. ³Laha atsiky ranon'ora raho rey, le mandrava zay amy ty tany eny rey, sady laha lavo mana antimo any ty hazo raiky na mana avaratsy any, ndra aia ndra aia hilavoa zay, le eo ro hipetsaha zay. ⁴Mety tsy hamboly ty olo ze manenty ty tsioky, sady mety tsy hijinja ty olo ze manenty raho rey. ⁵Manahaky anao ze tsy mahay vatany ty lala ty tsioky, na ty nitombo ty taola ty aja tan-tsaratso ty bevoka ao, manahaky zay koa iha tsy afaky mahatakatsy ty asan-Janahary, ze namoro ty raha-iaby. ⁶Amboleo amy ty maray volanao rey; zisiky hariva, miasá amy tananao manahakybze ilá rey, fa tsy hainao ze mety hitahy, na maray na hariva, na toy na ndroy, na samby ho soa iaby ndrozy roe. ⁷Mamy vatany ty mazava, sady raha soa ty maso ty mahita ty, masoandro. ⁸Laha misy olo miay an-taony lako, engao ie ho faly amy iaby reny, nefa ao ie hisaina ty momba andro ty haiky ho avy rey, fa ho lako reny. Ty raha-iaby hitsanga ro setsoky manjavo. ⁹Mifalea, nareo, amy ty hakelikelinao, sady ao ty fonao ho faly amy ty andro ty hakelikelinao. Manaraha ty faniria soa ty fonao, noho ze iaby amy ty hita ty masonao eo. Nefa, haiko fa Njanahary handay anao amy ty fitsara eo ty amy raha iaby rey. ¹⁰Halaviro amy ty fonao ty heloky, sady mba ka miraharaha vatany ty faharary amy ty vatanao eo, safe ty hakelinao noho ty heriny ro raha-tsy misy.

Chapter 12

¹Tiarovo avao koa ty Mpahary anao amy ty andro ty haketikelinao, aloha ty hiavia ty andro sarotsy, sady aloha ty hiavia ty tao ze hivolananao hozao: "tsy mana fankasitraha ho androzy zaho," ²anovo zay manomboky ie mbo tsy holy haiky ty hazava ty masoandro noho ty vola sady basia rey, sady manomboky ie mbo tsy mimpoly ty raho-mainty afara ty ora. ³Amy fotoa zay le mangitikitiky tyvmpiemby ty lapa, noho manjoko ty lahilahy mahery, safy mijano ty ampela ze mandisa safe tsy ampy ndrozy, sady ze mitsinjo an-dafonety eo le tsy mahita soa sasy. ⁴Amy fotoa zay le miaraky y varavara-bevata amy ty lala eny, sady mijano ty feo ty fikoseham-bary, ho taitsy ty feom-boro ty lahilahy, sady malazo ty fihirà ty feo ty pamaraky. ⁵Amy fotoa zay le manomboky matahotsy ty hahabo noho ty loza an-dala eny ty lahilahy, sady mamela ty hazo amy galala, noho tsy mifampitariky galala rey, sady tsy mandaity faniria voajanahary rey. Mandeha amy ty tsanony zisiky farany ty lahilahy sady mijotso an-dala any mpisoro rey. ⁶Tiarovo ty Mpahary anao aloha ty hitapaha ty foly volafoty, na hanavaky ty lovia volamena, na hahatorotoro ty sihoa amy ty lohatao, na hahatapaky ty lakan-drano amy ty lava-drano o, ⁷dieny mbo tsy mimpoly amy ty tany ze niaviany ty lemboky, sady ty fanahy mimpoly amin-Janahary ze nanome zay. ⁸"Ty setsokin-javo," hoy ty Mpitorin-tsafa: "raha-tsy misy le raha-tsy misy ty raha iaby." ⁹Ty Mpitorin-tsafa ro hendry sady nampianatsy fahaiza ty olo ie. Nianatsy noho nandiniky sady nanoratsy ohan-tsafa lako ie. ¹⁰Ty Mpitorin-tsafa ro nila ty hanorata fampiasa mazava soa, safe mahity ty fahamarina. ¹¹Safa ty olo-hendry rey le manahaky ty fitsebiky. Manahaky fantsiky soa lentiky rey safe tompo amy ty famoria ohan-tsafan-drozy ao rey, ze nampianary ty mpiemby aondry raiky. ¹²Anaky, mahay raha bevata maré: ty fanamboara boky lako, ze tsy misy fihafarany sady ty fianara bevata ro manday firengirengy ho ahy ty vata. ¹³Fa re ty fihafara ty raharaha afara tyvraha-iaby, le tsy maintsy matahotsy an-Janahary iha sady miemby liliny rey, fa zay ro andraikitsy iaby ty olombelo. ¹⁴Fa Njanahary handay ty asa iaby ho amy ty fitsara, zisiky amy ty raha-tsihita any iaby, na soa zay na raty.

Song of Solomon

Chapter 1

¹Ty tonon-Kira Tononkira rey, ze an'i Solomona. somondrara miresaky amy azy teany iny, ²engaho mba hanoroky ahy amy ty fanoroha ty vavanao iha, safe soa vatany noho ty divay ty fiteanao. ³Ty menaky fanosoranao ro manday-fofo manitsy; ty anaranao ro manahaky ty ranomanitsy voaily, ka le tea somondrara rey iha. ⁴Andeso miaraky aminao zaho, sady hilailay tsika. azy somondrara miresaky amy ty vatany iny fa nandesy ty mpanjaka tan'efitsanony ao zaho. Azy somondrara miresaky amy ty vatany iny hoe faly zaho; mifaly ty mikasinao zaho; soa vatany noho ty divay zay. Voajanahary amy ampela hafa rey ty mitea anao. Azy ampela miresaky amy ampela hafa rey iny. ⁵Mivalomainty zaho fa maha-tea tea, nareo anak'ampela lahilahy iJerusalem rey--- mivalomainty manahaky ty lay i Kedera, maha-tea teamanahaky siky i Solomona rey. ⁶Mba ka tseriky ahy fa mivalomainty zaho, safe tarafy ty masoandro. Meloky tamiko anakilahy ty reniko rey; nanovin-drozy mpiemby ty tanim-boloboky zaho, nefa ty tanim-bolobokiko tsy mba nembenako. Azy ampela miresaky amy azy teany iny. ⁷Volano ahy, azy teako iny e, aia ro hanomezanao hany ho ahy aondry noho aosinao rey? Aia ro hampiroanao aondry noho aosinao rey lafa mitatao vovona? Nanino zaho ro tokony hanahaky ty olo ze miriorio anila ty aondry noho aosy ty namanao? Mamaly azy azy teany iny. ⁸Laha tsy hainao, soa tarehy bibiky amy ampela rey, le oriho ty lala ty aondry noho aosiko, sady fahano anila lay mpiemby aondry reo eo ty anak'aosinao. ⁹Ampitoviziko amy ty sovaly vavy amy sovaly mpitariky ty kalesa i Farao eo iha, teako e. ¹⁰Mahasoa ty tarehinao rojo rey, ty vozona amy rojo voatohy. ¹¹Hananovako rojo volamena misy kihony volafoty iha. Azy ampela miresaky amy ty vatany iny. ¹²Laha mbo niroro tam-pandreany eo ty mpanjaka, le namerovero ty nardako. ¹³Amiko ty malalako le manahaky ty miora am-peheza ze mandany ty haly an-tsatsako eo. ¹⁴Amiko ty malalako le manahaky ty vony ty kofera antanimbolonoky i En-jedy eo. Azy teany miresaky amy iny. ¹⁵Ingo, soa tarehy iha, teako; ingo, soa tarehy iha; manahaky ty pizon ty masonao. Azy ampela miresaky amy azy teany iny. ¹⁶Ingo, soa tarehy iha, malalako, tena soa tarehy. Ty raha-mitiry maintso maiva ro anovy firoroantsika. ¹⁷Ty andry ty tsanontsika ro sampan-kazo sedera, sady sampan-kesiky sakamandimby ty tsanontsika.

Chapter 2

¹aho ro voninkazo amy ty lonaky eny avao, lilia amy ty lohasa eny avao. Azy lahilahy iny ro miresaky aminy
²Manahaky ty lilia amy fatiky rey eo, anak'ampela olo ty tanàko rey. Azy ampela iny ro miresaky amy ty
vatany³Manahaky ty hazo paiso ze amy hazo ty ala rey eo, le manahaky zay koa ty olon-teako amy pamaraky rey
eo. Mpipetsaky ambany ty alokany amy ty hafaleam-bey eo zaho, sady ty voany ro mamy am-bavako eo. ⁴Manday
ahy amy ty tsano amy ty fanasam-bey any ie, sady ty fanevany amiko ro fitea. Azy ampela iny ro miresaky amy
teany iny.⁵Velomo amy ty mofomamy misy voloboky zaho sady velombelomo amy ty paiso, fa mararim-pitea. Azy
ampela iny ro miresaky amy ty vatany ⁶Ty tanany havia ro ambany ty lohako eo, sady ty tanany havana ro
mipiritsy ahy. Azy ampela iny ro miresaky amy ty ampela hafa iny⁷Teako mba hampanantena nareo,
anak'ampela i Jerosalema, amy ty alala ty gazela noho serfa ampela rey am-baibo any, fa nareo ro tsy hanapaky
ty firaisa ara-nofotsinay laha tsy tampitsy zay. Azy ampela iny miresaky amy ty vatany⁸Zay ty feo azy teako iny!
Hentao, tany iny ie, mandingandinga vohitsy rey, mitseka amy vohitsy rey. ⁹malalako iny ro manahaky ty gazela
na diara mbo kely; ingo, ie le mitsanga ambaliky ao ty rindrinay, manenty amy ty lafonety eo, miboaky amy ty
makarakara eo.¹⁰Miresaky amiko azy malahelo iny manao hozao: "Mitsangana, azy teako iny; Azy soa tarehiko
iny, andao hiaraky amiko. ¹¹Ingo, fa lasa ty nintsy; fa nijano ty ora sady fa lasa.¹²Fa mitiry amy ty tany voninkazo
rey; fa avy ty fotoa fandrantsa noho ty sioky voro rey, sady ty feo pizon rey ro re amy ty tanintsika etoy.
¹³Mikasiky ty aviavy maintsony hazon'aviavy rey, sady mamony voloboky rey; mampiboaky ty hanitsy ndrozy.
Mitsangana, teako e, azy soa tarehiko iny, sady andao.¹⁴Pizonko, an-tsefatsefaky ty lafiar-bato eo, an-tsefatsefa
tsihita am-bohitsy eo harambato rey, le engaho hahita ty endrikinao zaho. Engao haharé ty feonao zaho, fa
malemy ty feonao, sady maha-tea tea ty endrikinao." Azy ampela iny ro miresaky amy ty vatany¹⁵Samboro ho
antsika ty alikataloha, le alikataloha rey mbo kelikely ze manoro tanim-bolobokitsika rey, safe mamony
volobokitsika rey.¹⁶Ahy ty malalako, sady azy zaho; mihinana amy lilia rey ankafalea eny ie. Ampela iny ro
miresaky amy teany iny ¹⁷Mandehana, malalako iny aloha ty tsioky malemy mitsioky amy ty marain-dray noho
aloky miserana. Mandehana, engaho hanahaky ty gazela na diara mbo tanora amy vohitsy mikitoantoana rey eo
iha.

Chapter 3

¹Amy ty haly am-pandreako eo le naniry raiky iny ze teako zaho; nila azy zaho, nefa tsy hitako ie. ²Hoasako tamy ty vatako hozao: "Hitsanga zaho sady handeha amy ty tanà any, amy lala noho kianja rey; hila ty malalako zaho." Nila azy zaho, nefa tsy nahita azy. ³Hita mpiemby rey zaho laha niodidy ty tanà ndrozy. Nanontany androzy zaho hozao: "Hitanareo va ty malalako?" ⁴Fotoa tsy ampy avao tafara ty nandalovako tamin-drozy teo ro nahitako raiky ze tsa ty fanahiko iny. Nitandraky azy zaho sady tsy nanenga azy handeha zisiky-handaisako azy tan-tsano ty reniko any, amy ty efitsano firoroa azy raiky ze niteraky ahy iny. Azy ampela miresaky amy ampela hafa iny. ⁵Teako haharitsy nareo, anak'ampela y lahilahy i Jerosalema, amy gazela noho vokatsy baiibo rey, mba tsy ho tapahanareo ty fiaraha-miroronay laha tsy vita zay. Azy somondrara mivola amy ty vatany iny. ⁶Ino raha miakatsy baka amy ty tany efitsy manahaky ty andrin-tsetsoky reny, manday fofa manitsy miora noho lintan-kazo manitsy, miaraky amy lemboky iaby rey amy mpamarotsy rey reny? ⁷Ingo, fandrea i Solomona zay; mpialy enimpolo ro miodidy zay; le maramila enimpolon'Israely rey. ⁸Manan-talenta amy ty meso-bevata ndrozy sady mahay mialy. Mana ty meso-bevatany am-balahany eo iaby ty olo iaby, mitanjaha kobay fialia hanohitsy ty fampangorohoroa ty haly. ⁹Nanao seza filanja vita tamy ty hazo baka Libanona any ho azy i Solomona mpanjaka. ¹⁰Ty tsangatsanga zay le vita tamy ty volafoty; ty lambosiny le vita tamy ty volamena, sady ty fipetraha tamy fisikina voloparasy. Ty tanainy so ro nampipoze anak'ampela rey anakilahy i Jerosalema rey tam-pitea. Somondrara miresaky amy ampela i Jerosalema rey ¹¹Miboaha, anak'ampela lahilahy i Ziona rey, sady mandiniha an'i Solomona mpanjaka, manday ty satso-boninahitsy ze nampisatsofa ty reniny azy tamy ty andro ty fanambaliany, tamy androm-pifalea ty fiainany io.

Chapter 4

¹Hentao, soa tarehy iha, malalako; soa tarehy iha. Ty masonao ro pizon ambaliky ao ty voalinao. Ty volanao ro manahaky ty andian'aosy mijotso baka am-bohitsy i Gileada eny.²Ty hinao ro manahaky ty aondrivavy co vozira, miakatsy baka amy ty toera fandroa any. Samby hamba iaby rey, sady tsy misy manky.³Ty soninao ro manahaky ty foly jaky; maha-tea tea ty vavanao. manahaky ty hasin'ampongabendanitsy ty fifinao ambaliky ty voalinao ao.⁴Ty vozona ro manahaky ty tilikambo i Davida voaory amy ty filaharam-bato eny, miaraky amy ty fiaro arivo raiky mihanto amy zay eo, le ty fiaro maramila iaby rey.⁵Ty nononao roe le manahaky ty diara roe, gazela hamba, miraoky amy lilia rey eny.⁶Zisiky-hiavia ty vo marain-dray ka le milaisa lavitsy ty aloky, le handeha ho am-bohitsy any ty miora noho amy ty vohitsy ty lintan-kazo manday fofa manitsy any zaho.⁷Soa tarehy amy ty lafiny iaby iha, malalako sady tsy misy kilema aminao.⁸Miaraha amiko baka Libanona any, azy ampiakariko iny. Miaraha amiko baka Libanona any; miavia baka anabo i Amana any, baka anabo i Senira noho Hermona any, baka an-davaky ty liona any, baka amy ty vohitsy lavaky any ty leoparada.⁹Lasanao ty foko, longoko e, azy ampiakariko iny e, lasanao ty foko, tany ty fanenty indraiky avao tamiko tatoy, tany ty rojo indraiky avao tany ty vozona eo.¹⁰Hentao ty hasoa ty fitiavako, lonyoko, azy ampiakariko iny! Hentao ty hasoa ty fitiavanao mandilatsy ty divay, noho ty famerovero ty ranomanitsinao mandilatsy noho ze raha-manitsy iaby.¹¹Ty soninao, azy ampiakariko iny, le mitete tantely; tantely noho ronono ro ambany ty lelanao ao; ty famerovero ty akanjonao le manahaky ty famerovero i Libanona.¹²Longoko, baibo voahily azy ampiakariko, baibo voahily eny iny, loharano vita tampô.¹³Ty sampanao ro ala kelin'ampongaben-danitsy misy voankazo voafanty, sady moina noho narda,¹⁴Narda noho safrona, veromanitsy noho kanely miaraky amy karaza hanitsy iaby rey, le miora noho havoza mbamy raha-manitsy soa bibiky rey iaby.¹⁵Baibon-doharano iha, fantsakan-drano malio, rian-drano mirotsaky baka Libanona ao. azy somondrara mivola amy ty malalany iny hozao: ¹⁶Mifohaza, tsioky baka avaratsy any; avia, tsioky baka antimo any; tsiofy ty baiboko mba hampiparitaky ty famerovero ty imbo manitsy. Enganie ka le ho avy amy ty baibony ao ty malalako ka le hihina ty ilany amy ty voankazo voafantiny.

Chapter 5

¹Avy tam-baiboko ao zaho, longoko, ampiakariko iny; fa namory ty miorako mbamy ty raha-manitsiko zaho. Fa nihina ty papon-tanteliko mbamy ty anjeliko zaho; fa nino ty divaiko mbamy ty rononoko zaho. Hoasa nama miresaky amy malala Mihinàna rey; nama, minoma sady engao ho mamò ty fitea. Hoasa somondrara miresaky amy ty vatany rey.²Niroro zaho, nefa ty foko ro nifoha fanay nofy ao. Zay ty feo ty malalako mandondo sady manao hozao: "Vohao zaho, longoko e, malalako e, pizonko e, malioko e, fa lintsaky ty ando ty lohako, atsiky ando ty haly ty voloko."³Fa nangalaky ty akanjolavako zaho; le tsy maintsy hanao zay ndraiky va? Fa nisasako ty tomboko; le tsy ho lotoiko va? ⁴Nampilitsy ty tanany tamy ty fivoaha ty hilim-baravara ty malalako eo, sady nalakilaky ho azy ty foko.⁵Niary zaho mba hamoha ty varavara ho ahy ty malalako; nitete moira ty tanako, nisy rano miora ty rantsan-tanako, army ty famoham-baravara eo.⁶Nanokatsy ty varavara ho ahy ty malalako zaho, nefa niodiky ty malalako ka le nandeha. Dofotsy ty foko; nanjary kivy zaho. Nila azy zaho, nefa tsy hitako ie; nikaiky azy zaho, nefa tsy mamaly ahy ie.⁷Mpiemby ze nandeha tamy ty tanà nahita ahy rey; nivangoan-drozy zaho sady nalatsany lio; mpiemby tamy ty vala nangalaky ty fisikinako tamiko rey. Hoy azy somondrara niresaky tamy ampela tan-tanà rey ao iny.⁸Teako hampanantena anareo, anak'ampela i Jerosalema, fa laha hitanareo ty malalako, le volano azy fa marary noho ty fiteako azy zaho. Hoy ampela tan-tanà ao rey niresaky tamy azy somondrara iny.⁹Manao akory moa ty malalanao ro soa noho ty malala ty hafa, iha ze soa tarehy amy ampela rey eo? Nanino ty malalanao ro soa noho ty malala ty hafa, ro le mangataky anay hanao fatsereha manahaky zao iha? Hoy azy somondrara niresaky tamy ampela ty tanà rey iny.¹⁰Ty malalako ro mipiriaky sady mena, tsy manam-paharoe amy an'aliny rey. ¹¹Ty lohany ro volamena soa bibiky; ty volony ro olioly sady mainty manahaky ty goaky.¹²Ty masony ro manahaky ty pizon anila ty rian-drano, nisasa tamy ty ronono, natohitohy manahaky ty rojo.¹³Fifiny rey ro manahaky ty fandrean-jaha-manitsy, mamokatsy hanitsy mamerovero. Ty soniny ro lilia, mitete miora.¹⁴Sandriny rey ro voahodiky volamena nano y rojo, ty sarotsony ro ivory voarakotsy safira.¹⁵Tombony rey ro andry vita amy ty marba, mifototsy amy ty volamena tsy mifangaro; ty endrikiny ro manahaky an'i Libanona, tsiriritina manahaky ty sedera.¹⁶Ty vavany ro mamy bibiky; maha-tea tea maré ie. Zay ty malalako, sady zay ty namako, anak'ampela i Jerosalema.

Chapter 6

¹Nana aia ty malalanao, soa tarehy bibiky amy ty ampela? Nandeha nana aia ty malalanao, mba hilany azy miarakany aminao? Miresaka amy ty vatany somondrara iny.²Ty malalako ro fa nijotsonana amy ty baibony any, ho amy ty kitselin-jaha-manitsy any, mba hiarakany amy ty baibo eny noho hihary lilia rey. ³Ahy ty malalako zaho, sady ahy ty malalako; hiarakany amy lilia rey am-pifalea eo ie. Azy tea ty ampela miresaky aminy iny.⁴Soa tarehy manahaky ty Tirza iha, teako, maha-tea tea manahaky an'i Jerosalema, mampisy aingam-panahy manahaky ty tafiky miarakany amy ty fanevany.⁵Avilio amiko ty masonao, fa manafotsy ahy ndrozy. Ty volonao ro manahaky ty andian'aosy mijotso baka amy ala ty vohitsy i Gileada rey eny.⁶Ty hinao ro manahaky ty andian'aondrivavy miakatsy baka amy ty toera fisasa. Samby mana ty hamba aminy kirai-draiky, sady tsy misy manky rey. ⁷Fifinao rey ro manahaky ty hasin'ampongambendanitsy ambaliky ao ty voalinao. Azy tea ty ampela miresaky amy ty vatany iny⁸Misy mpanjaka ampela enimpolo, valitsin-drano valopolo, somondrara tsy hita hisaky. ⁹pizon, malioko, azy hany tokako iny; ie ro ampela tokan-dreniny; ie ro tena tea ampela ze niteraky azy iny; anak'ampela ty olo ty tanàko rey laha nahita azy le nikaiky azy hoe sambatsy; mpanjak'ampela rey noho valitsin-drano rey avao koa ro nahita, ka le nanompo azy: Zao ro nivolany ty mpanjak'ampela noho ty valitsin-drano¹⁰"Ia moa miboaky manahaky ty marain-dray toy io, soa tarehy manahaky ty vola, mamirapiratsy manahaky ty masoandro, mampisy aingam-panahy manahaky ty tafiky miarakany amy ty fanevany?" Azy tea ty ampela miresaky tany ty vatany iny¹¹Nijotso tany ala kelikely misy hazom-baza rey zaho mba hanenty ty tiry vaovao am-baibo eny, mba hanenty laha nitimoky voloboky rey, sady laha fa namony ty ampongambendanitsy. ¹²Tena faly zaho ka nahatsapa manahaky ty hoe miondrana ty kalesa ty mpanjaka. Ty tea ty ampela miresaky aminy¹³Mimpolia, mimpolia, iha ampela avy avao; mimpolia, mimpolia, mba hafahako mandiniky anao. Azy somondrara miresaky amy azy tany iny Naninoniha ro mandiniky ahy, azy ampela avy avao iny, manahaky ty hoe misindraky anivo ty misindraky roe an-dala eo zaho?

Chapter 7

¹Hentao ty hasoa ty tombonao amy ty kapanao ao, anak'ampelampanjaka! Manahaky ty rojo ty alikam-penao, asa tana ty mpanao asa-tana mahay.²Ty foitsinao ro manahaky ty tomakoly boribory; tsy hijaly divay voaaro lahy zay. Ty sarotronao ro manahaky ty vary tsitimy voatoby voahodiky lilia.³Nononao rey ro manahaky ty ana safira roe, gazela hamba. ⁴Ty vozonao ro manahaky ty tilikambo ivory; ty masona ro manahaky ty kamory a-Hasbona any am-bavahady i Bata Rabima eo. Ty oronao ro manahaky ty tilikambo a-Libanona any ze mitoliky mana Damaskosy any.⁵Ty lohanao ro manahaky an'i Karmela; ty volon-dohanao ro voloparasy mandriky. Tea ty taly zay ty mpanjaka. ⁶Hentao soa tarehy sady maha-tea tea iha, azy malala iny, soaso iha!⁷Ty tsanganao ro manahaky ty ahy ty palma, sady nononao ro manahaky ty sampahom-boankazo. ⁸Nieritseritsy zaho hozao: "Te hanganiky palma zay zaho; hitandraky mahery rantsany rey." Engao nononao rey hanahaky sampahom-boaloboky rey, sady engao ty famerovero ty oronao hanahaky ty paio.⁹Enga nie ty vavanao hanahaky ty divay soa bibiky, mirotsaky moramora amy ty malalako, misosa amy ty sony noho ty hintsika. Azy somondrara mivola amy ty olo teany iny¹⁰Ahy ty malalako zaho, sady maniry ahy ¹¹ie. Avia, malalako, andao tsika hiaraky ho amb-banivohitsy any; andao tsika hiroro amy vohitsy rey any.¹²Andao tsika hifofo maray ho an-tanim-boloboky any; andao hohenteantsika laha mitimoky voloboky rey, laha mivoha vininy rey, safy laha mamony ampongabendanitsy rey. Any ro hanomezako anao ty fiteako.¹³Mamerovero engaho zay mandravarotsy rey; am-baravara ze hipetsahantsika rey eo ty karazam-boankazo voafaha iaby, ty voa noho ty ela, ze fa nihajariko ho anao, malalako.

Chapter 8

¹Iriko mba hanahaky ty anadahiko, ze ninono tamy ty nonon-dreniko iha. Sady ndra ia ndra ia hahitako anao ambaliky any, le afaky manoroky anao zaho, sady tsy hisy olo hanao tsinotsino ahy.²Ho tarihiko sady handesiko an-tsano ty reniko any iha, sady le hampianarinao zaho. Hameako divay miharo raha-manitsy hinomy noho antsasany amy ty rano ty ampongabendanitsiko iha. Niresaky tamy ty vatany azy somondrara iny³Ty tanany havia tambany lohany ao sady ty tanany havana mamihy ahy. Niresaky tamy ampela hafa rey ampela iny⁴Teako hianiana nareo, anak'ampela ty olo i Jerosalema, fa tsy hanapaky ty fiaraha-mirononay nareo zisiky mahatampitsiny. Ampela ty Jerosalema niresaky rey⁵Ia mahasaky manontany miakatsy baka an'efitsy any, mianky amy ty malalany toy? Niresaky tamy azy malalany iny somondrara namoha anao tambany hazo paiso eo iny zaho; tamy ty nanorotoroa ty reninao anao eo; tamy ty niterahany anao eo, nampiboahany anao.⁶Anovo manahaky ty tampô am-ponao ao zaho, manahaky ty tampô an-tsandranao eo, fa mahery manahaky ty fahafatesa ty fitea. Ty fireheta ty fahasaronam-piaro ro tsy manenga mahazo manahaky ty Fiainan-tsy hita; mandoro ty lelan'afony; lelan'afo mirebareba zay, lelan'afo mafana noho ty afo hafa iaby.⁷Rano manonja rey tsy mahafaty ty afo ty fitea, na tondra-drano tsy mahafoaky azy. Laha misy olo manome ty fananany iaby an-tsanony ao ho avily fitea, le anovy tsinotsino vatany amea zay. Anadahy azy somondrara iny rey mifampiresaky⁸Manao zariday zahay, sady tsy mbo mitiry nono ie. Ino ro azonay anovy ho ahy ty anabavinay amy ty andro ze hanomeza azy ho amy ty fanambalia?⁹Laha manda ie, le hampitsanganany tilikambo vita amy ty volafoty taminy eo. Laha varavara ie, le hampipozenay amy ty hazo sedera pisaky. Niresaky tamy ty vatany azy somondrara iny¹⁰Manda zaho, fa amy zao nonoko rey ro manahaky tilikambo fiarova mahery rey; ka le tena fa matoe vatany zaho amasony eo. Niresaky tamy ty vatany azy somondrara iny¹¹Nana tanim-boaloboky ta Bala-hamona ao i Solomona. Nahofany tamy ze te hikarakara zay tanim-boloboky iny. Ty kirai-draiky ro tsy manday sekely volafoty arivo raiky ho solo ty vokatsy. ¹²Ahy vatany ty tanim-bolobokiko; ty sekely arivo raiky ro ahinao, Solomona malalako, sady ty sekely roanjato ho ahy ze mikarakara zay mba hahazoa vokatsy. Malalan'ampela niresaky taminy iny¹³Iha ze mipetsaky an-jariday eo, namako rey ro nijanjy ty feonao; engao zaho ho azy raiky ze hahare zay iny koa. Niresaky tamy ty malalany azy ampela iny¹⁴Malaky, malalako, sady enganie hanakay ty gazela na ty diera tanora am-bohity eny raha-manitsy iha.

Isaiah

Chapter 1

¹Ty fahità Izaia anaky Amosa, fahità mikasiky Joda noho Jerosalema, tamy andro Ozia, Jotama, Ahaza, voho Hezekia mpanjaka Jodà²Ao hahare ty lanitse, sady hijanjy koa ty tany; safe fa nivola Yaveh: "fa namaha noho niteza ajà Aho, fe nanohotsy Ahy roze. ³Ty aomby mahay ty tompony, ty boriky koa mahay ty misy ty fihinàny, fa Israely tsy misy raha hainy, tsy misy raha takany.⁴Loza! Nareo Tany, mpanonta, Olo be tsiny, taranake mpanao rate, anakilahy rate! Fa nifoindrozy Yaveh, nataondrozy tsy misy antony Masin'Israely io, safe fa niala taminy ty vatandrozy.⁵Ino ty mbo maha voambango anareo? Ino raha mbo iolavanareo avao o? Maharary aby ty loha, vozake ty fo. ⁶Fery iaby bakantomboky la avy andoha; Maratse, mivalo bolé noho bay vao; mbo tsy maike, tsy voasasa, tsy finehy, na nitsaboa tamy menaky.⁷Rava ty Taninareo; mà tanà nareo reo; hohitanareo maso ty handravà ty olo hafa tany fiavia aminareo ty baiibo nareo, ho rava tsy hita, fa haravandrozy. ⁸Nengà manahaky trano voroky antany voaloboky io ty anakampela Siona, manahaky fandrea amy tany kokombra, ataony tany rinava io.⁹Laha tsy nanengà Yaveh Ndranahary olo aby io ndre kelikely tsika, le fa nanahaky Sodoma koa, noho Gomora.¹⁰Janjinonareo lehibe Sodoma io ty safà Yaveh; nareo olony Gomora araho ty lily Ndranaharintsika hoe: ¹¹"Ino ty dika ty hamaro ty soro ameanareo ahy?" hoasa Yaveh. "Fa entsaky aondrilahy atao soro oroa Zaho, noho savorankena; ka tsy enkeniko ty lion'ombilahy, noho anakaondry, voho aosy.¹²Ia ty nivola anareo, nareo avy mamonjy ahy rey, manitsaky ty misy ahy io? ¹³Ka manday raha atoy sasy; vetaveta amiko ty ronkazo manitse, Tsy afake hiaraky amy mpivavaky raty Aho amy vola vaovao noho Sabata fivavaha.¹⁴Tsy teako ty vola vaovao noho andro fety tinono nareo reo, fa enta mevesatsy ho ahy reo; vozaky ty fiareta anireo Aho. ¹⁵Ka lafa mamela-tana mivavaky nareo, Zaho manako ty masoko tsy ho aminareo; ka ndre maro ty vavaky ataonareo, tsy hijanjy Aho; safe feno lio ty tananareo.¹⁶Sasao, atavo malio ty vatanareo; ario tsy ho hita ty masoko ty asaratinareo; ¹⁷mianara manao raha soa; ilao ty rariny, aeneno ty fampijalea, ameo marina ty kamboty, arovo ty mate valy.¹⁸"Andao amizay, andao tsika hifampidiniky," hoasa Yaveh; "Ka ndre mena mare ty fahotanareo, hatao ho lasa foty mazava, ndre manahaky lambamena io, hatao manahaky soga foty.¹⁹Hihina raha soa bakamy tany toy nareo, laha

manenky noho manaraky, ²⁰fa ho lanintsabatsy nefa nareo laha tsy manenky noho mbo miola," zay ty resa-Yaveh. ²¹Ingo, nanjary mpavandy tanà soa iny! Tanà nanao raha mahity iny_tanà nifeno raha tò, fa amizao ie lasa feno mpamono olo. ²²nanjary tainomby ty volafotinareo, miharo rano ty divainareo. ²³Ty olobe nareo mpiola no sady nama ty mpanoronta raha; iabiaby tea kolikoly noho mpanararaotsy. Tsy miaro ty kamboty rozy, no tsy midary ty taray ampela matevaly avy amindrozy eo. ²⁴Ka izao ty hafatsy Yaveh Ndranahary ty maro, Maherin' Israely hoe: "Loza ho androzy! Hamaly faty amy azy mialy amiko reo Aho, noho ty fahavaloko aby; ²⁵himpoly aminareo ty tanako, hanasa tai-mby manahaky karbonaty rey Aho, no sady hangalaky azy aminareo iaby. ²⁶Hataoko soa manahaky ty taloha ndraiky ty mpitsara nareo, manahaky zay koa ty mpanome hevitsy nareo hanahaky ty tamby voalohany; ka lafa vita zay hatao hoe tanà marina, noho tanà tsy mivaliky nareo. ²⁷Hovonjé amy marina Siona, ka ty mpibebaky ao amy fahamarina. ²⁸ho torotoro ty mpiola noho ty mpanota, ze niala amy Yaveh ho afakay. ²⁹"Ho afabaraka amy hazo terebinta teanareo mare io nareo, no ho menatsy amy zariday fonilinareo reo. ³⁰Safe hanahaky hazo terebinta mihintsa ravy io nareo, noho baibo tsy misy rano. ³¹Ty lahilahy mahery ho motramotraky, ty asa vitany hanahaky pitin'afo; hiaraky may rozy roa, sady tsy hisy hamono ty afondrozy.

Chapter 2

¹Ty fahità Isaia anaky Amosa, makasiky Joda noho Jerosalema. ²Amy andro farany vo aory ty vohitry hisy Trano Yaveh ho vohitsy farany ze abo, hiory amy tany ambony, ka hivory eo aby lafa firenena. ³Maro ty olo hoavy hivola hoe: "Avia, andao tsika hiakatsy amy vohitsy Yaveh eny, antranon - Ndranahary Jakoba ao, soa hampianariny antsika ty sasany amy lalany, ka handehanatsika amy ty lalany. " Safe hiboaky baka Siona ty lalàna, noho baka Jerosalema ty safà Yaveh. ⁴Hitsara firenena reo Ie noho hanome fanapahakevitsy olo maro; hanefy ty sabatsy ndrozy ho lelan'angady, ka ty lefandrozy hanamboara hety voamoboky; tsy hisy firenena hamira sabatsy amy firenena hafa, na hioma hialy. ⁵Nareo tariky Jakoba, avia, andao tsika handeha amy hazavàn Yaveh. ⁶Satira fa nenganareo ty olonareo, nareo tariky Jakoba, nanaraky ty fomban olo bakantinana reo rozy noho nanao masobe tsy mahita manahaky Filistina reo, noho nanome valy ty pamaraky vahiny reo. ⁷Ty tanindrozy feno vomamena noho volafoty, sady tsy hay isahy ty fananandrozy; feno sovaly aby ty tanindrozy, no tsy hay isaha ty kalesi drozy. ⁸Feno sampy koa ty tanindrozy; sady mivavaky amy ty asatanany, raha namboary ty tanany avao rozy. ⁹handohaliky ty tanà, sady ho lavo ty olo; fe tsy hantsanga reo. ¹⁰Andana mamonjy tany feno vato mivony ao, misitriha anaty tany amy ty horohoro Yaveh noho amy ty voninahitsy ty Fanjakany. ¹¹Ty mason'olo miandrandra hahohoky, ty olo mirehareha havokoky, ka Yaveh raiky avao ro ho arangaranga amy andro io. ¹²Safe ho avy ty andro Yaveh Ndranaharin'olo maro hanohitsy ze olo mirengirengy noho mievotsevotsy, noho hanohitsy ty olo miavonavo_sady hahohoky rozy_ ¹³Hanohitsy sedera Libanona abo nitsiririe reo, noho hanohitsy hazo terebinta Basana aby io. ¹⁴Fa hanohitsy vohitsy abo aby io andro Yaveh Ndranahary ty olo maro io, noho hanohitsy tany abo aby narangaranga reo, ¹⁵hanohitsy koa tilikambo abo, noho mandavato tsy mety rava reo, ¹⁶sady hanohitsy sambo Tarsisy iaby io, noho hanohitsy sambo soa tarehy aby io. ¹⁷Ty fireharehan'olo havokoky, ty fiavonavon'olo ho tonta; Yaveh raiky avao ro harangaranga amy andro io. ¹⁸Ho tampitsy ho rava aby ty sampy. ¹⁹Handeha anaty lakato ty olo no hivony ambany tany, amy ty horohoro Yaveh, noho ty voninahitsy ty fanjakany, lafa hitsanga hangorohoro tany toy Ie. ²⁰Hanary ty sampy volamena noho volafoty nivavahany aby ty olo amy andro io_hanary azy amy voalavo noho kinakina reo any. ²¹handeha anaty lavabato ty olo no anivo rindrimbato, fa mangorohoro Yaveh noho be voninahitsy ty fanjakany, lafa mitsanga hangoroho tany toy Ie. ²²Engao ty fatokia olo, fa amy orony eo ty fiainy aby, sa ino ty mba herinizay?

Chapter 3

¹Ingo, Yaveh Ndranahary ty olo maro fa nangalaky vatsy sisa tsy ho amy Jodà noho Jerosalema sasy: ka vatsy mofo noho vatsy rano sisa iaby; ²anatiny zay ty lahilahy mahery, ty mpitsara, ty mpaminany, ty mpanenty sikily, ty olobe; ³ty mpibaiko olo dimampolo, ty olo mana haja, ty panome hevitse, ty mpahay asatana mahay, noho ty ambiasa mahay.⁴"Mpamaraky avao ro hengako ho mpitariky androzy, ka mpamaraky reo ro ho mpanapaky.
⁵Hijaly vahoake reo, hifanao rate roze, ty mpinama hialy; ty aja tsy hanaja olobe, ty olo mihaja tsy hasia ty tsy manakaja hasiny.⁶Lafa ty rahalahinolo hangalaky azy antrano babany ao hoe: "Mana akanjo iha; ka andao ho lasa lehibenay, le andao fa raha simba reo hatao antananao eo aby." ⁷Amy andro zay hitoreo ie hanao hoe: "tsy mpitsabo aho; tsy mana mofo noho akanjo aho. Tsy mahefa hataonao mpitariky ty olonao aho."⁸Tonta Jerosalema, niravoky Jodà, fa ty resany noho ty asany tsy nanaraky Yaveh, no sady mivazavaza ty voninahiny.
⁹Mitsara androzy ndre ty fomba fanenteandrozy; saty atorondrozy manahaky Sodoma ty fahotandroze; sady tsy avonindrozy. Loza hoandrozy! Fa rozy avao ty nikaidoza ho androzy.¹⁰Volano fa tsy hanahy ty olo marina, sady hihinaty vokatsy ty tanany rozy ¹¹Loza ho ahy ty raty fanahy! Fa ho raty ty hahazo azy, fa havaly azy ty asany raty.
¹²Nareo oloko_ aja ty mampijaly anareo, ampela koa ty mpanjakanareo. Oloko, fantaro fa mampivio lala anareo ty mpitariky nareo sady manimba ty lala handehana nareo.¹³Mitsanga amy fitoria Yaveh, mitsanga hitsara olo Ie.
¹⁴Hoavy amy fitsara hanohitsy ty olobe noho lehibe olony reo Ie hoe: "Naravanareo ty tanimboaloboky; antranonareo ao aby ty raha nangalaky tany olo mahantra. ¹⁵Manino nipotehinareo ty oloko noho nampijalinareo ty mahantra?" Io ty safà Yaveh Ndranaharin'olo maro.¹⁶Io ty resa Yaveh fa mirehareha ty anakampela Siona, miandrahandra ty lohany lafa mandeha, ty masony mangariky, manao lia mora mampaneno ty ravaky antpmbony eny, ¹⁷ka izay ty hanova Ndranahary sola loha ty anakampela Siona, ka hohita Yaveh ty solandrozy.¹⁸Amy andro zay ty filohandrozy, hangalaky ty ravaky soa amy ranjony, ravaky sary vola fipozea. ¹⁹ty kiviroy, ty ravaky antana, noho ty voaly; ²⁰ty sarondoha, ty ravaky antomboky, ty fehy kibo, noho kesiky fasia ranomanitse, ty fehiloha mpanjaka.²¹halà ty peratsy noho kiviroy anoro; ²²ty akanjo lava amy fety, ty satroky, ty voaly, ty poketra kelikely; ²³ty fitaratsy kelikely, ty akanjo anatiny vita amy hasimbazaha, ty ravaky amy loha, noho ty fisafotse.²⁴Raha lo ro hasolo ty ranomanitse; taly ro hasolo fehy kibo; loha sola ro hasolo volo soa bango; gony ro hasolo ty akanjo lava; holatsy may ty hasolo hasoa. ²⁵Ho mati-ntsabatsy ty lahilahinareo, no ho maty analy ty lahilahy maherinareo. ²⁶Hitomany hisaona ty vavahady Jerosalema; ho tavela raiky ie no sady hiravoky amy tany.

Chapter 4

¹Amy andro io hisy ampela fito hitanjaky lahilahy raiky sady hivola hoe: "ty haninay avao ro hohaninay, ty sikinay avao ro hosikininay. Engao avao zahay handay ty anaranao mba ho afaky henatsy." ²Ze hiboaky bakamy Yaveh ro hosoasoa no ho be voninahitse, sady ty vokatsy ty tany hatavy noho hosoa amy ze velo sisa tavela amy Israely.³Fa ze tavela a Siona ao noho ty sisa a Jerosalema ao ro hatao hoe Masina, ze olo voasoratsy ho velo a Jerosalema. ⁴Hoavy aby reo lafa hanasa ty loto anakampela Siona reo Ndranahary, sady hanasa lio mampaloto ty anaty Jerosalema ao io, amy fanahy fitsarà noho fanahy afo mirehitsy.⁵Sady amy ambony vohitsy misy Siona iaby io noho amy misy ty fivoriany, hanao setroky noho raho Yaveh amy andro, no hampamirapiratsy afo mirehitsy amy hariva; ka izay ty hanaro ty voninahitsy iabiaby. ⁶Izay ro hatao fialofa amy andro mafana, sady hialofa no hiaro amy tafiotse noho ora.

Chapter 5

¹Hihira hira soa ho ahy olo teako aho, hira mikasiky tanimboalobony. Nana tanimboaloboky amy tany lonaky ambony teako io. ²Niasa azy ie, nariany ty vato teo, bakeo namboly voaloboky ze karazany soa mare ie. Nasiany tilikambo ty anivo eo, noho nasiany famiaza voaloboky ty teo. Nandinasany hamokatsy voaloboky teo, fe voaloboky raty avao ty voany.³Henanizao, nareo olony Jerosalema noho Jodà mitsara ahy noho voaloboko io. ⁴Mbo ino koa ty tokony ho natao amy tanimboaloboky io tsy ampy, mbo tsy nataoko? Manino aho nandiny azy hamokatsy voaloboky, ka manino voaloboky raty ro niboaky?⁵Volaniko anareo ty hataoko amy voaloboky io: hombotako ty hazo nilaliany, soa ho hanimbiby, ka horavako ty valany, soa hohitsahy amy tany ie. ⁶Hopotepotehiko reo, soa tsy ho vosira sasy, na hmbolea. Fa engao, ty fatike ro hotiiry. Ho rarako koa raho io tsy handatsaky ora aminy eo. ⁷Satria Israely ro voaloboky Yaveh Ndranaharin'olo maro, ka ty lahilahy Jodà ro vole teany; nandiny rariny tao Ie, ka vono olo ro hitany; nandiny raha tò tao Ie, kay tarain'olo ro nireny.⁸Fa loza ho ahy ty manao trano mifampipitiky, no manohitohy baibo, soa tsy hisy efitsy tavela malalaky, amizay nareo avao ty hipetraky amy tany reo! ⁹Zao ty safà Yaveh Ndranaharinolo maro amiko, trano maro ty tsy hipetraka, ndre i ro soa noho bevata, tsy hisy olo ty anainy ao ¹⁰Fa impolo refy voaloboky manome taratasimbazaha raiky, sady koboa efatsy vokatse manome tokoandrefy raiky avao.¹¹Loza ho ahy ty mifohamangoatinana minontoake, noho trà ty hariva amy hamamo amy finoma divay. ¹²Kabosy, valiha, aponga, sody noho ty divay ro nataondrozy fibaleha, fa tsy mba nandiniky ty asan'Yaveh rozy, na mba nanenty ty asantanany.¹³Farany oloko reo tsy hahay fa handeha hirerirery antany lavitsy any; ho mosare ty mpitariky androzy, sady tsy hahita raha inomy ty olony. ¹⁴Hihabevata ty misy ty mate, no sady hanokatsy ty vavany bevata; hilevy ao, ty hasoaso Siona, miaraky amy vahoaky maro mihorentseo noho manao fihisà. ¹⁵Ho kizakizahy ty olo, voho hampadohalife; ty masonolo be voninahitsy hahohoky. ¹⁶Hiranga amy ty fitsarany Yaveh Ndranaharinolo maro, ka hasehony fa Ndranahare Masina amy ty fahamarina Ie. ¹⁷Ka ty aondry hihina manahaky ty antaniny, ty vahiny handrava ty tany niazo ty mpanarivo. ¹⁸Lozany ty mpavandivandy bakeo manao raha tsy manjary, noho ty mitariky fahotà amy talintsarety. ¹⁹Loza ho ahy ty mivola hoe: "Engao hoavy malaky ty asa Ndranahary, soa mba hahita azy koa tsika; Engao hoavy ty sitrapo Masin Israely zao hiseho, soa mba hahay koa tsika." ²⁰Loza ho any ze manao raha raty ho soa, noho ty soa ho raty; Mivola ty raha maïke ho mazava, noho ty mazava ho maïke; ze mivola ty raha mafaitse ho mamy, voho ty mamy mafaitse! ²¹Loza ho ahy ty manao ty vatany ho henjy, noho ty manao azy ho mahay raha! ²²Loza ho ahy ty voantsiriry amy finoma divay, noho ty finoma toaky mahery; ²³ty manome marina ty olo rate satsia nahazo raha taminy, voho bakeo manome diso ty olo marina! ²⁴Fa hanahaky lela afo mandrava molaly io, noho manahaky akata maike mirehitsy, ty haha lo ty fotondroze, ka ty folerandrozy handesintsiole manahaky lemboky io. Hoavy io safe tsy nanaraky ty lala Yaveh Ndranahary ty maro roze, sady tsy nampisy dikany ty safà Masin Israely io. ²⁵Zay ty hireheta ty heloky Yaveh amy olony reo. Fa nampiranga tana amindrozy Ie, noho nanasazy androzy. Hangitikitiky ty vohitse ka hanahaky fako andala eny io ty fatindrozy. Nefa tsy mbo hampihena ty siakiny raha aiaby reo; fa mbo hitsanga avao ty tanany.²⁶Hanamboatsy saina famantara ho ahy firenena lavitsy reo Ie noho hifioke androzy bakamy ty fara tany toy aby. Ingo fa avy malaky rozy noho maiva.²⁷Tsy misy ndre raiky amindrozy lavo na reraky; sady tsy misy azondrozy na tahiroro. Tsy misy mivaha fehinkibo, na tapaky talinkapa. ²⁸maranitsy aby ty anakititsy no sady mihenja iaby ty kititsy ndroze; ty kapantsoavalindroze mahery manahake lafiambato, ty larontsaretindrozy mivo manahaky talio io.²⁹Hanahaky liona io ty fitrevony; noho hanahaky ana liona io ty feondrozy. Hitrevoky no hanambotsy ty hazany rozy no hitaritariky azy, fe tsy hisy hanavotsy. ³⁰Amy fotoa io hisy toreonolo manahaky feondriaky io. Lafa hohentea tanà io raho maïky ro ho hita! Fijalea vo hazava! Bakeo ty haly ro hanaro ty lanitsy amy tanà io.

Chapter 6

¹Nahita Ndranahary nipetraky tamy seza fanjakany aho, tamy tao nahafaty Ozia mpanjaka; Abo noho ambony Ie, sady nameno tempoly ty rambo akanjo lavany. ²Nisy anjely serafima tamboniny teo; samby nana elatsy eny aby; ty roe nanako ty tarehiny, ty roe nanako ty tombony, ty roe nitiliany. ³Nifampikaike roze hoe: "Masina, masina, masina, Yaveh Ndranahary ty maro! Feno ty voninahiny zao tontolo zao." ⁴Nampihozongonzo foto varavara ty koike mpikoike reo, ka nifeno setroky trano io. ⁵Ka izao ty nataoko: "Loza hoahy! Trobo aho fa nahita maso Mpanjaka, Yaveh, Yaveh Ndranahary ty maro nefa olo maloto vava, sady nipetraky niaraky tamy vahoaky maloto vava!" ⁶Vita zay nitily tamiko teo ty raiky amy anjely serafima reo; nisy vainafo ty antanany teo, nalany tamy raha bakambony alitara teo. ⁷Nakasiny ty vavako afo io bakeo ie nivola: "Hentao, nikasiky ty vavanao raha toy; ka malio ty fahotanao, no sady afaky." ⁸Nihare feoNdranahary aho hoe: "Ia ty tokony hirahiko; ia ty handeha ho antsika?" Ka izao ty nataoko: "Toy aho, iraho aho." ⁹Zao ty nataony: "Mandehana ka volano vahoake reo hoe: 'Janjino, nefa ao tsy ho azonao; hentao, fe ao tsy ho hitanao.'" ¹⁰Engao haheriloha vahoaky io, sady atavo mareny ty sofandrozy, noho jike ty masondroze. Fa manjary hahita ty masony, hahare ty sofiny, noho hahay ampo roze, ka hiova ho janga." ¹¹Ka izao ty nataoko, "Nao Ndranahary, ka ombia io vo hoafaky?" Izaio ty navaliny ahy: "Mandraky ty haharava tanà io, ka tsy hisy sasy ty olo ao, ty trano tsy hisy olo, ty tany koa ho maike vatane." ¹²hampandehany Yaveh lavitsy ty olo, ka hangiky ty tany. ¹³Ka hopotehy aby laha mbo hisy tavela ty ampafolo ty olo ao; manahaky hazo terebinta tapahy bakeo ty hazobe avao tavela io, ty foto Israely ro ho voane masina."

Chapter 7

¹Tamy andro Ahaza anakilahy Jotama anakilahy Ozia, mpanjaka Joda, nandeha Rezina mpanjaka Siria, noho Pelza anakilahy Remalia, mpanjaka Israely fa hialy amy Jerosamema, fe tsy naharesy rozy. ²Nambara tamy tariky Davida reo vaovao io hoe: "Amy Efraima ao Syriana reo mitoby." Nangitikitiky ty fony, noho ty fo vahoakiny reo, manahaky hazo anala hozonkozoinin-tsioky io. ³Zao ty natao Yaveh tamy Izaia: "Andana miaraky amy Seara-jasoba anakilahinao hitsena Ahaza amy fara lakandrano kamory ambony eny, amy lala mandeha amy tany fanasà lamba eo. ⁴Volano azy hoe: "Tandremo tsy ho taitaitsy, ka mety ampitahory tapa sarabo roa mirehitsy reo, amy ty heloky Rezina voho Siria, noho Pelza anakilahy Remalia. ⁵Nanao tetidrate aminao Syria reo, noho Efraima, voho anakilahy Remalia io hanafiky anao; Zao ty nataondrozy: ⁶" Andao tsika hanafiky Joda noho hanorohoro aze, ka hovaky tsika ie soa hametraky ty mpanjakatsika ao tsika, azy anakilahy Tabela iny." ⁷Izao ty safà Yaveh: "Tsy hisy aby zao; tsy ho lefy, ⁸safe Damaskosy ty loha Syria, Rezina koa ty loha Damaskosy. Anaty ty enimpolo limy amby tao, ho potiky Efraima ka tsy ho vahoaky sasy. ⁹Samaria ro loha Efraima, ka ty anakilahy Remalia ro ho loha Samaria. Laha tsy mino mare amy finoa nareo, tena azo antoky fa tsy ho voa aro." ¹⁰Niresaky tamy Ahaza ndraiky Ndranahary hoe: ¹¹"Mangataha famantara amy Yaveh Ndranaharinao, angataho Ie amy ty halaliky fasa na amy haabo lanitsy." ¹²Fe Ahaza nanao hoe: "Tsy hangataky aho, tsy hitsapa hevitsy Yaveh." ¹³Namaly aze Izaia hoe: "Mijanina nareo, tarike Davida io. Tsy ampy anareo koa va nareo mamozaky vahoaky reo o fa Ndranahary koa ro vazahinareo? ¹⁴Andao fa Ndranahary mihintsy ro hanome famantara anareo: ingo, bevoka ty aja ampela, hiteraky anakilahy, ka hokaihiny Emamoela ty anarany. ¹⁵Ronono mandre voho tantely ty ho haniny laha mbo tsy mahay mandà ty rate ie noho mifily ty soa ¹⁶Tsy hisy vahoaky hipetraky sasy tanà mpanjaka roe natahoranao reo aloha ty hahaza aja io mandà ty rate noho mifily ty soa. ¹⁷Hampisy andro tsy mbo nisy indraiky nanomboky ty niala Efraima amy Joda aminao, noho amy vahoakinao, noho amy tariha babanao - ho aminao eo ty mpanjaka Asiria." ¹⁸Amy andro zay hifioky lalitsy bakamy ty fara renirano Egipta Yaveh, noho tantely bakamy tany Asyria. ¹⁹Hoavy aby reo hipetraky amy baibo tsy misy olo, noho anelanela lavabato, amy tanimpatiky aby io, noho amy tany fiaraha aomby iaby io. ²⁰Amy andro io hoharata Ndranahary amy harata nofà bakamy tanà amy renirano Efrata - mpanjaka Asyria io - ty loha noho ty volotombony; Hiala iaby koa aza ndre ty volombava. ²¹Amy andro io ty olo hihary aombivavy raiky noho anakaondry roa, ²²sady amy ty hamaro ty ronono, ronono mandry avao ty hatao fihina, safe ze olo tavela amy tanà reo eo hihina ronono mandry noho tantely avao. ²³Amy fotoa io, ze tany nisy foto divay arivo mitovy vily amy jala volafoty arivo isaky, tsy hisy raha hitiry sasy afatsy ty fatike. ²⁴Handay kititsy ty olo laha handeha any safe fatiky avao ty mameno tany io. ²⁵Hijano lavitsy tany nasà tamy angady aby io rozy, safe matahotsy amy fatiky maro io; fa ho tany finana biby fihare noho ty aondry ty ao.

Chapter 8

¹Nivola tamiko Yaveh: "Mangalà vato pisaky le sorato aminy eo hoe: anovo malaky ty halatsy, ka mangoroa maro." ²Nanday vavolombelo tsy mivadiky, mpisoro Oria aho, noho Zakaria anakilahy Jaberekia. ³Bakeo niaraky tany mpaminany vavy aho, ka niteraky anakilahy ie. Ka izao ty natao Yaveh tamiko: " Anovo Mahera-salala-hasi-baza ty anarany." ⁴Fa ty mpanjaka Asyria hangalaky ty fanana Damaskosy noho ty harena azo baka Samaria, aloha ty hahaza aja io mivola babako noho neniko. ⁵Niresaky ahy ndraiky Yaveh: ⁶"Fa safe olo reto nivaza rano Siloa mandeha moramora io, noho nihehy tany ty raha nahazo Rezina anakilahy Remalia, ⁷handesy Ndranahary amindrozy eo ty renirano maro voho mahery, ty mpanjaka Asyria miaraky amy ty voninahiny aby. Hoavy hiakatsy ambony mare ie ka handopatsy amy ty sisiny. ⁸Hamaoky baka Joda renirano io, hamakivaky vo hameno, ka tsy hieny laha tsy avy ambozo. Ty tanany mivelatsy hameno taninao reo, Emanoela." ⁹Manova toreo-naly, nareo vahoaky ambony tany, fe ho resy nareo! . Mijanina nareo aby amy vazantany! mandesa fialia maro, fe ho resy nareo! mandesa fialia, fe ho resy nareo! ¹⁰Mandiniha asa hatao, fe tsy hahavita nareo; mibaikoa, fe tsy hisy hanao, safe Ndranahary miaraky aminay ¹¹Nivola tamiko Yaveh, lafa nitsapa ahy ty tanany, nandrara ahy tsy handeha amy ty lala vahoaky reto hoe: ¹²"Ty tetiky ndrozy tsy ho tetiky aminareo, ka matahotsy ty raha atahorandrozy nareo, sady ka mety matahotsy. ¹³Yaveh Ndranahary ty maro avao ro ho masinareo; Ie raiky avao ro hatahoranareo, no hotahotsy nareo. ¹⁴Fa Ie ro hatao tany masy; Ie ro ho vato lafiky, no ho lafiambato hahamenatsy ty tariha roa amy Israely, sady ho fanjiky harato amy ty olo a Jerosalema. ¹⁵Maro amindrozy ty ho tonta, hiravoky no ho toro, ho voafatotsy ka ho azo. ¹⁶Tanjaho ty fijoroa vavolombelo, aoreno soa anaty fo mpianatsiko reo ty fampianarako. ¹⁷Mametraky ty fitokiako amy Yaveh, mamony ty tarehiny amy tariky Jakoba aho; zaho miory aminy. ¹⁸Toy zaho noho anako namea Yaveh ahy reo ro ho famantara, no hatao hatsereha amy Israely bakamy Yaveh Ndranahary ty maro, mipetraky amy vohitsy Ziona ao. ¹⁹Lafa mivola anao rozy hoe: "Ampanentao azy mpamoha lolo reo, na azy ataondraha mimenimeny noho mibisibisiky reo." avalio androzy hoe: "Tsy tokony amy ty Ndranahary va ty olo ro manontany? Va ty maty koa ro tokony hanontanea ty velo? ²⁰Fa amy fampianara noho amy fijoro vavolombelo! Laha mità safà hafa ty olo, tsy hisy raha mazava ty aminy eo. ²¹Hirenirery amy tany ie, ho etsaky fijalia noho mosary, bakeo, lafa mosare ie hanozo, amy ty siany, ty mpanjaka noho ty Ndranahary. ²²Hanao fanenty ambony ie, bakeo hanenty tany io ambany: ka ingo ty fijaliany, ty andro maiky, noho ty farary tsy mazava. Haria amy toera tsy misy mazava ie.

Chapter 9

¹Tsy hisy maike sasy amy tany nisy fijalea taloha iny. Fa laha henatse bevata ty nahazo Zebolona noho Naftaly tamy andro taloha, amizao lasa voninahitse tsy hay isaha ty mameno lala mandeha andriake ndroze, amy tany andafy Jordana, amy tany Galilea. ²Nanjary nahita hazava bevata olo nandeha tamy lala maike taloha iny; ty olo fa tambany aloky ty faty aby rey, nanjary niavia ty hazavà. ³Fa nataonao niteraky maro olonao reo; fa nataonao entsaky fiadana rozy. Falifaly rozy anilanao eo manahaky olo falifaly amy andro fanapaha vokatsy io, noho olo falifaly mizara ty fandainy io. ⁴Safe fa tinorotoronao manahaky tamy andro Madiana ty enta mavesatry ndrozy, ty tahonkazo namangoa ty sorony, ty kobay ty nampijaly androzy. ⁵Safe ty kiraron'olo mahery mpialy misavoritaky noho ty akanjo mafana iaby feno lio ho oroa hatao lalampo hampireheta afo. ⁶Safe fa misy aja nateraky ho antsika, anakilahy ty namea antsika, ty fanjakà hatao antsorony eo, ty Anarany hatao hoe Mpanolo-hevitsy mahatseriky, Ndranahary Mahery, Baba Mandrakizay, Tompo fiadana. ⁷Mba hanitatsy fanjakà noho hampanjaka fiadana tsy misy farany amy seza fanapaha Davida noho ty fanjakany, mba haoriny noho hataony matanjaky sady amy mahity noho marina mandrakizay. Iaby zay ho avy amy zotompo Yaveh Ndranahary ty maro. ⁸Ndranahary nandefa safà tamy Jakoba, ka niavy amy Israely. ⁹Hahay aby ty olo, Efraima noho ty olo a Samaria ao; azy manao fivolana miavo noho mievotsevo tsy amy ty fony hoe: ¹⁰"fa niravoky boriky rey fe vato ty hasolotsika azy; fa nitapaky ty .. ka hazo sedera ty hasolotsika azy." ¹¹Halefa Yaveh amondrozy ty fahavalo Rezina, handrangitsy fahavalondrozy reo. ¹²Siriana ty bakantinana, Filistina koa ty bakandrefa. Haripany amy vava misanasana Israely. Fe mbo tsy hampihena ty siakiny zay, fa mbo hampiranga ty tanany Ie. ¹³Safe tsy nahay nimpoly rozy ndre fa nivoambango, tsy nilandrozy Yaveh Ndranahary ty maro. ¹⁴Hotapahy Yaveh ty loha noho ty rambo Israely, manahaky zay koa ty hazo rofia noho ty voloando haripany anaty ty ndraikandro. ¹⁵Ka ty olobe noho ty mpibaiko ro lohany; ty rambony amizay ty mpaminany mpavandy. ¹⁶Safe azy mpitariky androzy reo avao ro manday androzy amy lala diso, ka trobo aby ze voatarindrozy. ¹⁷Yaveh tsy ho afapo amy ty pamarakindrozy, tsy hahafarinay ty kambotindrozy Yaveh noho ty valindrozy mativaly, safe ty olo aby fa mpiatsaravelatsihy noho mpanao raty, manao safàn'adala ty vavandrozy. Ka tsy hihena ty helony, fa mbo ho henjaniny ty tanany. ¹⁸Safe mirehitsy manahaky afo io ty haratia; mandoro akata raty noho ty fatiky; mandoro alambe io, ka ty setrony miakatsy manao asa talio io. ¹⁹Ty heloky Yaveh Ndranahary ty maro ro mahamay ty tany, ka ty olo ro hirehetany. Tsy hisy olo mahavonjy ty rahalahiny. ²⁰Tana ankavana ty hanapaky raha hohany fe mbo ho mosare avao; hihina koa am tana havia fe tsy ho vintsy. Samby hihina ty nofontanany avao aby. ²¹Manase handripaky Efraima, Efraima handrava Manase; hiaraky hanafiky Joda rozy. Ka tsy hampihena ty siakiny aby reo; fa mbo hanampatsy ty tanany Ie.

Chapter 10

¹Lozany ze manao fitsarà tsy mahity, noho ty mpanao lalàna manoratsy lalàna mitongila. ²Tsy manome hatò ty mahantra voho ty malemy, mandrava ty hatò ty oloko maharary, manararaotsy ty ampela mativaly voho manerisery mandrava ty kamboty. ³Hanao akory nareo amy andro famangia, lafa ho avy baky lavitsy ty loza? Aia ty hilaianareo hanavotsy anareo, hapetranareo aia ty fanana nareo? ⁴Tsy hisy ho azo atao hafa tsy miondriky miaraky amy ty gadra, na ho lavo miaraky amy ty maty. Tsy hampihena ty siany nefa zay fa mbo hanampatsy ty tanany Ie. ⁵Loza ho ahy Asora, fa ie ro hazontsiakiko, avy amy hazo antanany eny ty mahavy ty heloko! ⁶Ie ro irahiko manafiky firenena tsy mivavaky, ameako azy ty fanapaha hanafiky ty olo helofako, handrava ty fananany noho hampigadra azy, hanitsakitsaky azy amy tany manahaky fotaky andala eny io. ⁷Fa ie, tsy zay ty fandrambesany azy, sady tsy anaty ty fony ao zay; safe ty eritreriny le handrava avao, hamotiky firenana maro. ⁸Ka izao ty hoasany: " Tsy mpanjaka iaby va lafa mpibaiko ko reo?" ⁹Tsy nanahaky Kaleno avao koa va Karkemisy? Hamata manahaky Arpada? Damasy manahaky Samaria? ¹⁰Manahaky ty namangoako fanjakà manompo ndranahary malemy io, kanao ty sampy nibevata nihoatsy ty ta Jerosalema noho Samaria, ¹¹Tsy nanahaky ty nanovako Jerosalema noho ty sampiny va ty nanovako Samaria noho ty sampiny koa? ¹²Fa izao ty raha hoavy: Lafa mahavita ty asany aby, amy vohitsy Siona a Jerosalema ao Ndranahary; " Hoavy amy fo noho safà mievotsevotsy mpanjaka Asiria io Aho noho ty hentiny mangariky. ¹³Fa izao hoy ie: "Tamy ty hery ty tanako ro nanovako anireo noho ty fahendreako, sady zaho mahay raha! Nakisako ty efitaninolo, rinavako ty fananandrozy voho nalako tamy ty seza fanjakany ze nanjaka tao manahaky lahilahy mahery mpandresy rey. ¹⁴Nalà ty tanako ty fananandrozy manahaky olo mangalaky atoly tsy manatombo io, nahoroko tany aby io fe tsy nisy ndre elamboro raiky nihetsiky, ndre ty vavany tsy nivoha hikoike. ¹⁵Hirehareha amy ty vatany va ty famaky laha anilany eo ty mpampiasa azy, sa ty tsofa va ambony ty mpandrafitsy? Ty kobay koa zao ro mampihatsiky ty olo manday azy, na ty tahonkazo koa zao ro hamolaky ty hazo niaviany. ¹⁶Ka hoavy Yaveh Ndranahary fandrese, hirehity afo mandrarava ty voninahiny hampilavo lefo ty olo mahery. ¹⁷Ho afo ty jiro Israely, ho lela afo ty Mäsiny, handrehitsy noho handrava ty fatiky aminy eo anaty ndraiky andro. ¹⁸Ty laza alandrozy reo harava Yaveh noho tanindrozy mamokatra aby io, ka ty fanahiny voho ty vatany horava; hanahaky olo marary miala ay tsikelikely io. ¹⁹Tsy ho maro sasy ty hazonala ndrozy, ka ndre ty aja hahay hanisaky azy. ²⁰Amy fotoa zay, ty sisa amy Israely, taranaky Jakoba ze nilay, hitoky amy Yaveh Masin Israely tsy hivadiky sasy amizay noho tsy hitoky amy azy naharesy androzy io sasy. ²¹Hoavy ty sisa tavela, hoavy himpoly amy Ndranahary mahery amizay ty sisa amy Jakoba. ²²Safe iha Israely, lafa mitovy isaky amy fasindriaky io ty tarana'ao, ty sisa avao ro himpoly. Hipetraky ty faharavà, hampiboaboaky ty marina. ²³Safe fa vita tapaky ty fahapoteha, ary hotanterahy Yaveh amy tany aby toy. ²⁴Ka izao ty safà Ndranahary Yavehn'tafiky: "Fa nareo oloko, mipetraky a Siona ao, ao tsy hatahotsy Asora, lafa hamango anao amy tahonkazo ie, na amy kobay manahaky ty natao Egipta. ²⁵Fa andro kelikely sisa, hieny ty heloko anareo, fa ho avy amindrozy amizay koa Aho handrava androzy. ²⁶Hatao Yavehn'tafiky avy amindrozy ty filatsy, mahaky ty nanovany Madana tambato Oreba tao, noho manahaky ty namangoany riaky iny, honjoniny manahaky ty ta Egipta tao. ²⁷Amy andro zay: halà amy soronao eo ty enta Asora, noho ty entany amy vozonao eo, ka ty falakinao ro haha vaky azy. ²⁸Niavy a Ajata ao ie, bakeo nandalo a Magerona ao, farany nengany a Makmasy ao ty fandainy. ²⁹Nilahatsy rozy, haly raiky nitoby ta Gabà, ka natahotsy Rama; nilay Gaba Saoly. ³⁰Mikoraha loza, nareo anakampela Galima! Mijanajina iha Laisa! Mampalahelo Anatota! ³¹Miparitaky Medmena, milay ty olo baka Gabina. ³²Tavela andro raiky le ho a Nobe ie, hanampatsy ty tanany amy vohitsy anakampela Siona ie, amy vohitsy Jerosalema! ³³Ingo fa avy Ndranahary Yavehn'tafiky, manapaky rantsakazo; tapaky aby ty farany abo, mibaboky amy tany ze tambony. ³⁴Vosira amy famaky ty kizonala, misy Mahery handavo any Libanona.

Chapter 11

¹Hamoty tahony ty vaha Jeze, noho hamoa voany ty rantsa vahany io. ²Hipetraky anainy ao ty Fanahy Yaveh, fanahy fahendrea noho fahazava'ntsany, fanahy mpanoro lala noho hery, fanahy ahaia noho atahora Yaveh. ³Fatahora Ndranahary ty raha teany mare; tsy hitsara ty raha hitany maso ie, na hanapaky amy raha re ty sofiny. ⁴Hitsara ty malemy amy marina ie, noho ty hendry ambony tany etoy amy mahity. Ty safa bakambavany ro hamofoky tany toy, ty tsioky bakambavany hamono ty raty fanahy aby reo. ⁵Ty raha marina ro ho fehimbaniany, fitokisa ro fehinkibony. ⁶Ty amboanala hiara petraky amy ty anakaondry, ty anakaosy hatory amy tany firoroa ty fosa; ty anakaomby, ty liona noho ty aombilahy vositsy hiaraky mipetraky ka anakaja ro hiaraky androzy. ⁷Ty aombivavy noho ty orsa hihina akata miaraky, hiara petraky amy vala raiky ty anandrozy; hihina akata manahaky aomby io koa ty liona. ⁸Ty aja minono hihisa anaty lavaky bibilava, ty miala nono hampilitsy ty tanany anaty lavaky bibidia. ⁹Tsy hisy hanao raha raty sasy, na hanimba raha amy vohitsiko masy sasy; safe hofeno fahaia Yaveh ty tanà iaby, manahaky ty andriaky any feno rano o. ¹⁰Ka amy andro zay : ty foto Jeze, hitranga ho faneva olo aby toy. Hila azy ty firenena maro, halaza ty tany misy azy. ¹¹Amy andro zay: hanampatsy ty tanany ndraiky Yaveh hanavotsy olony sisa tavela reo, ze mbo tavela amy rany Asiria, Egipta, Patrosa, Etiopia, Elama, Sinara, Hamata noho amy nosindriaky reo any. ¹²Hampiranga faneva ho ahy firenena aby io Ie, hamory ze voaroaky tany Israely, noho ze niparitaky aby amy Joda manerantany. ¹³Horava ty fialona atao Efraima, hijano koa ty fanalaina atao Joda; tsy hialo Joda sasy Efraima, ary tsy ho fahavalo Efraima sasy Jodà. ¹⁴Hanafiky amy soroky Filistina reo rozy antany andrefa, handripaky ty fanana taranaky ty tany atinana rozy; Hanafiky Edoma noho Moaba voho hamehy ty taranaky Amona rozy. ¹⁵Harava Yaveh tanteraky ty safà amy sisindrano riaky Egipta, noho hampiranga ty tanany amy renirano, amy ty hery ty tsiony; ka ty vangony azy ro hamisaraky azy hanjary sakasakandrano fito, mba ho afaky mitsaky azy ty olo mikapa. ¹⁶Soa amizay hisy lala handehana ty olony ze sisa tavela, ze tavela tany Asiria, manahaky ty tany Israely tany andro nandehanany ta Egipta.

Chapter 12

¹Amy andro zay hanao hoizao iha: Handay fisaora ho Anao lahy aho Yaveh. Fa ndre neloky ahy Iha, fa nieny ty helonao sady mbo nanambitamby ahy Iha. ²Io fa Ndranahary ro manavotsy ahy, tsy hatahotsy aho fa matoky Yaveh, eka, Yaveh ro heriko noho reharehako. Ie ro avy ho fanavota ahy.³Aminkafalia ty hanobizanao rano amy fototsy famonjea ao. ⁴Amy andro zay hivola iha: "Manatera fisaora amy Yaveh sady kaiho ty Anarany; ambarao olo aby io ty raha nataony, volano fa nasonjotsy ty Anarany."⁵Mihirà ho ahy Yaveh, fa nanao raha be voninahitsy Ie, ka atavo ho re ty olo aby zay. ⁶Mikoraha mare ka koiho ty hafalia, nareo olo a Ziona ao, safe bevata mare aminao Ie Raiky Masin'Israely."

Chapter 13

¹Fanambarà amy Babilona, nambara tamy Izaia anakilahy Amoza: ²Managana faneva amy vohitsy voatetiky, kaiho amy feo mahery rozy, anovo baiky amy tana rozy, engao rozy hilitry amy varavara panjaka. ³Zaho fa nanome baiky amy Ahy reo; nikaiky olo maheriko reo Aho hanao ty heloko, azy mandramby aminkafalia ty voninahiko reo. ⁴Re ambony vohitsy eny ty resaky mandeha: manahaky feonolo maro; re ty fikorontana fanjakà, fitambarampanjakà: Ingo fa mandalo Yavehn'tafiky manenty miaramilany reo. ⁵Olo baky lavitsy; bakamy fara lanitsy, Yaveh noho ty fitaova andesiny amy ty helony, handravarava tany aby toy. ⁶Mikoraha nareo, fa mariny ty andro Yaveh: avy manahaky hery mandripaky tsy mety tampitsy. ⁷Tsy hisy tana hahatohitsy azy, halemy iaby ty fonolo. ⁸Hihorohoro rozy, hahazo androzy ty maharary noho ty fery; entsaky farary rozy ataony ampela miteraky io. Verihevitsy rozy ka mifanenty, mirehidrehitsy ty tarehindrozy. ⁹Io fa avy ty andro Yaveh, andro tahotsy, andronkeloky bevata, hamotiky tany toy, no handrava ty mpanota. ¹⁰Fa tsy mandrehitsy ty hazavany ty basia noho ty renimbadia amy lanitsy iny; avy maiky vo maray ty andro, vola iny tsy manome ty tarany sasy. ¹¹Ho saziako amy hafetseany ty tany, ty olo raty amy ty asa ratiny; hahohoko ty fievotsevotsy ty bohaboha, halavoko amy tany ty firehareha ty mpanao didijado. ¹²Hataoko lany sarotsy hita mihoatsy volamena malio io ty olo, tsy maro mihoatsy ty volamenan' Ofiry. ¹³Hataoko mihozonkozy lanitsy iaby iny, ka hihetsiketsiky amy misy azy ty tany, amy ty siaky Yavehn'tafiky, amy andro hireheta ty helony. ¹⁴Hanahaky aosinana misy mpania io, manahaky hare tsy metinolo arahy, samby ia ty olo hilay hamonjy ty fiaviany noho ty tany niboahany. ¹⁵Voatomboky lefo aby ze olo hita, voatrobaky sabatsy ty niazo sambotsy. ¹⁶Hohitandrozy maso ty faty ty zafindrozy, ty faharavà ty fananandrozy noho ty ampelandrozy ravan'olo. ¹⁷Ingo Mediana reo irahiko hampamonoako androzy, ka tsy ho metindrozy vily amy volafoty noho volamena. ¹⁸Homaty kititsindrozy rey ty pamaraky; tsy hananandrozy alahelo ty aja menavava, ty masondrozy tsy hana fandefera ty kelikely. ¹⁹Babilona ho loha-mpanjakà, fa ty reharena kaldeana reo harava Yaveh manahaky Sodoma noho Gomora. ²⁰Tsy hisy olo sasy ty ao, sady ho ela tsy hatao tany fipetraha sasy ty ao; tsy hanory lay ao ty Arabo sady tsy hiaraky ty hariny ao. ²¹Biby amy tany tsy misy rano io ro hipetraky ao, ho feno vorondolo ty trano tavela ao; ho ao ty vorombe, hihisa ao ty tsiboko. ²²Hihiakiaky anaty tranompety noho tranombahiny ze tavela ao ty kary noho ty amboadia. Fa miriny sady tsy holava sasy ty androny.

Chapter 14

¹Yaveh hiferinay Jakoba; Israely hampoliny ndraiky amy taniny. Hitambatsy amindrozy ty mpivahiny, ka hiray tanà amy tariky Jakoba. ²Handesy ty firenena maro rozy himpoly amy tanindrozy io eo. Ka olo maro reo hanompo androzy amy tany Yaveh io eo. Azy nampigadra androzy rey hataondrozy gadra, ka hanjakàndrozy ze nampijaly androzy. ³Amy andro hanafaha Yaveh anao amy hareraha noho tahotsy, sady tany fanompoa mafy natao anao. ⁴Hataonao amy mpanjaka Babilona hira toy. "Nao lahy! Tsy eo sasy mpanjaka masiaky iny! Nijano aby ty serisery!" ⁵Tinorotoro Yaveh ty kobay ty masiaky, ty tehy ty mpanjanaky. ⁶Azy namono olo maro tany heloky tsy misy farany, noho nampiondriky ndaty aby io tany siaky tsy mety tampitsy. ⁷Miay tseky tany aby toy, mibeko hira feno hafalia ty olo. ⁸Ndre ty hazo sipresa, na hazo sedera Libanona samby niay aby amy fanapaha azy. Nanomboky ty nahalavo anao, tsy misy sasy ty olo mananiky hanapaky anay. ⁹Mahoraky ndre ty farany laliky amy lolo fandevena mitsena ty fiavianao any. Mamoha alohanao eo aby ty angatsy mahery tany tany toy, noho mampitsanga ty mpanjaka iaby tetoy. ¹⁰Iaby hivola anao hoe: "Iha koa nanjary nalemy manahaky anay! Lasa mitovy aminay. ¹¹Ty famirapiranao nizotso andolo atoy miaraky amy moziky. Holitse ro lasa lafiky nao, holitsy koa ro mandrakoky anao. ¹²Nilatsaky bakambony lanitsy iha, basia namiratsy, anakilahy mazava antinana. Ingo iha lavo antany. Iha olo naharesy tany aby toy!" ¹³Iha azy nanao ampo fa: hionjo andanitsy eny aho, hataoko ambony mihoatsy basia-Ndranahary io ty fanjakako. Hipetraky amy vohitsy fivoriambe aho, amy farany avaratsy. ¹⁴Hiakraty amy raho iny eny aho, ka hataoko manahaky Ndranahary Ambony Mare ty vatako!" ¹⁵Kanefa naria anaty lolo atoy iha, andavaky farany ze laliky. ¹⁶Ze mahita anao manao henty hatsereha. Manotany hoe. Tsy iha va olo nampihorohoro ty tany noho nanozongozo fanjakà maro iny, ¹⁷namafa tany aby io tsy hisy raha, nandrava tanàmbe, sady tsy namototsy gadra iny?" ¹⁸Ty mpanjaka iaby samby milevy amboninahitsy amy ty lolony. ¹⁹Fa iha naria lavitsy ty fasanao manahaky ratsankazo naria io, manahaky nofotsy ndaty matintsabatsy miparitaky io no sady naily anaty lavabato io. ²⁰Tsy hampiarahy amindrozy anaty fandraza iha fa nandripaky ty taninao, sady naharava ty olonao. Tsy hisy koa olo hanono anara ty taraky mpanao raty. ²¹Haripaky aby anany reo, amy ty raha natao ty razandrozy. Ao tsy hisy velo ndre raiky tsy noho hitsanga hamehy tany toy ndraiky, ka nananga tanà amy tany toy. ²²"Hitsanga hanohitsy azy Aho hoy ty safà Yaveh Ndranahary Ntafiky. Hofafako ty anara ty sisa, ty karaza noho ty taranaky. Safà Yaveh vatany zay. ²³Hataoko lavaky sora, noho fivarinandrano bakeo hofafàko amy kifafa fandravà. Safà Yaveh Ntafiky vatany zay. ²⁴Yaveh Ntafiky fa nanao safà: "Tsy maintsy hoavy ze raha iaby natao hoavy, araky ty nambara. ²⁵Handrava Asiria amy tany Aho no handevy azy anaty vohitsy. Zay vo hiala ty entany mavesatsy, no halà amy sorony eo. ²⁶Zay ty lahatsy amy tany, ary io koa ty tana mahery hamatotsy tany aby toy. ²⁷Io ty tapaky Yaveh Ntafiky, ka ia moa ty hanohitsy Azy? Fa miranga ty tanany ka ia ty hampimpoly azy?" ²⁸Tamy andro Ahaza mpanjaka ty naminania safà reo. ²⁹Tandremo tsy hifety nareo Filistina fa narava rantsakazo ho nahazo anareo iny. Safe hiboaky bakamy karazambibilava ty menarana. Ka bakeo hiteraky drago mitily. ³⁰Ty mahantra hahita ho hany, ty malahelo tsy hanahy fa hilamy; fa ty tarananao ro ho ravàko amy mosary, ka tsy hisy ho tavela. ³¹Aleo hitoreo ty varavara! Aleo hikoraky ty tanà! Ao ho tsipiky ty tahotsy, nareo Filistina iaby io! Safe bakavaratsy any ty setroky matevy, tsy hisy ho tafilay amy ty maramilany. ³²Ino ty havaly amy iraky tany toy reo? Fa Yaveh ro namoro Siona, ao ty hietaha ty olony mahaferinay.

Chapter 15

¹Faminania mikasiky Moaba. Amy andro haly raiky ty haharava Moaba. Vatany tokoa fa haly raiky avao ty hamoteha Moaba. ²Ingo handeha amy tempoly Kamosa noho Dibona ty olo, amy tany ambony hitomany amy Neboa voho Medeba, fa malahelo Moaba. Solà iaby ty lohanolo, hinaratsy aby ty volombava. ³Mosalotse gony amy lala iny roze, mirohaky tany aby ty olo anabo trano ao noho amy tany fivorivoria rey. ⁴Mitoreo Hesbona noho Eleala, ka ndre ty a Jahasa mare androzy. Ty olo mpialy mahery Moaba koa mirohaky, ty fanahindrozy mihorohoro. ⁵Misento amy Moaba ty foko, fa a Segora Eglaty Selikia ao ty mpiaro azy. Miakatsy any tomany, noho manao koike hazolava amy lala mandeha Horonaima. ⁶Safe ritsy ty rano a Nimrima, maiky ty akata tsy misy sasy ty raha maitso. ⁷Nandesindrozy antany lavitsy any ze raha mba niazondrozy nandesy noho ty vatiandrozy. ⁸Safe feno toreo ty faritany Moaba, ndre ty a Eglaima mahare ty tanindrozy, noho ty a Ber-elima. ⁹Feno lio ty rano a Dimona. Handefa loza vaovao hafa amy Dimona Aho. Biby Liona hihina ze nilay baka Moaba, ze sisa tavela amy firenena.

Chapter 16

¹Andefasonareo anak'aondry mpanjaka tanà reo, alefaso bakantany maidrano baka Sela voho mamonjy vohitsy anakampela Siona. ²Manahaky voro milay io, na tranomboro nilirantahotsy io, zay ty hatao ampelany Moaba reo amy fandalova Arnona. ³Manomeza torohevitse, manova raha marina, atavo ambany alokinao zahay laha avy ty andro may, avonio ze misy mpania, ka fitahy ty mitavanay! ⁴Engao mba hietaky antranonao ao ze nandositsy baka Moaba, ao ty aminao ao hataondrozy trano filaia amy mpanafiky. Safe hieny ty famonoa, hijano ty fandripaha, horava amizay ty mpanindry tany toy. ⁵Fandefera ro hampioro soa ty fanjakà. Hohita hipetraky ampitokisa antrano Davida ao ty mpitsara tea raha mahity tsy miala amy raha marina. ⁶Renay ty firehareha Moaba, ty habohabohany amy ty habeny, ty fivonavony noho ty resany raty. ⁷Ka Moaba avao ro hitomany ty vatany iabiaby, nareo hifoay amy faharavà bevata mahazo any Kiraharesa. ⁸Malemy aby ty tanà a Hesbona, narava olobe-ntanà reo ty fotomboaloboky Sibema ka tsy tapitsy laha tsy a Jeisera, miparitaky antany maidrano. Ty tahony nanjary niely la avy andriaky any⁹Aia Hesbona noho Eleala, tomany amy voaloboky Sibima aho noho amy Jeisera, manondraky azy ty ranomasoko. Fa tamy fihazà anareo noho ty vokatsy tao ro niboaha ty feonaly. ¹⁰Niala amy tany ty fisa noho ty hafalia, tsy misy hira sasy amy tanimboaloboky, tsy misy sasy ty fiadana! Tsy mamokatsy divay sasy ty mpihaza voaloboky; Nataoko tsy misy sasy ty feon kafalea. ¹¹Maneno amy Moaba manahaky harpa io ty kiboko, voho ty foko amy Kiriharesa. ¹²Ingo Moaba fa reraky amy tany masy rey, militsy anaty trano faly mba hivavaky fe tsy misy valimbavaky azony. ¹³Ireo ty fambara natao Yaveh hahazo Moaba taloha mare any. ¹⁴Ka ingo fa miresaky Yaveh: " Afaky telo tao, hanjary fanabokà ty voninahitsy Moaba, miarakany amy olony maro reo. Ka ho kelikely ty sisa tavela ary tsy hisy dikany.

Chapter 17

¹Fanambara amy Damasy. Tsy ho tanà sasy Damasy, fa hanjary potipotiky. ²Hialà ty olo koa Aroiera. Hatao tany fasia noho fiaraha aomby ka tsy hisy hikitikitiky. ³Rava ty tambohombato Efraima, rava koa ty fanjaka Damasy, hoizay aby ty hahazo Siria noho ty reharena Israely, safà Yaveh Ntafiky zay. ⁴Amizay halemy ty voninahitsy Jakoba, hiraraky ty menaky amy ty henany. ⁵Hanahaky amy andro fihaza varimbazaha io, ty tanany manapabary, manahaky ty amoria akotrimbary io ty amy tany Refaima ao. ⁶Hisy koa ty tevela manahaky tena baka manozo hazo oliva io. misy oliva roa na telo andingo eny, efatsy na limy ty amy taho mamoa rey, safà Yaveh Ndranahary Israely zay. ⁷Amy andro io hanenty ty niasa azy amizay ty olo, hitoliky amy Raiky Masin'Israely. ⁸Tsy hanenty ty asatanany nimasininy sasy, na hivavaky amy ty raha namboary ty tanany, sampy Astartea noho sarvonga masoandro. ⁹Amy andro zay tanàmbe reo hengà Israely ka hanjary potibato anala noho ambony vohitsy eny io. Ho lasa tany maidrano. ¹⁰Safe tsy nahatiaro ty renimbato niaro anao, nanenga ty Ndranahary nanavotsy anao. Nanao voly maninto maso iha, namboly tahomboaloboky vahiny iha. ¹¹Nasiana vala soa ie bakeo namolera. Fe ty voany nihintsa iaby ka ho mafy ty fangirifirinao sady tsy ho hay tsaboa. ¹²Ingo mitabataba ty olo maro tsy hay isaha. Manao toreondriaky. Tabatabantany tabataba fanjakà manahaky fenondrano avy io. ¹³Mihorohoro ty fanjakà matanjaky manao horohorondranobe. Mampitahotsy noho mapilay androzy lavitsy, manao asa lemboky na laboly andesi-ntali'o. ¹⁴Faharavà tampoky ro tavela lafa niavy ty hariva. Mbo tsy avy ty maray fa tsy nisy sasy raha tavela. Io ty mahazo ze manerisery antsika noho ty mandrava antsika.

Chapter 18

¹Aia tany ahareza feo fitaovan'aly iny, Lavitsy rerirano Etopia iha! ²Iha azy mpandefa iraky andriaky, mive amboly laka voloando! Andana nareo irake malaky lia ho amy firenena mahery no masiake, handeha amy olo atahora nanomboky ty nisiany reo any. Fanjakà mahery noho manitsakitsaky ze hitany. Firenena voavalandrano mandeha. ³Nareo olo tany toy aby, ingo fa misy hafatsy antapo vohitsy eo, noho feon'antsiva mitoreo. ⁴Ka izao ty nambara Yaveh ahy: Bakamy toera misy Ahy ato Aho mahita, amy hazavà mandevy ty hafanà, amy ando'njavo, amy fotoa mafana fihazà vokatsy. ⁵Fa lafa tsy mitombo sasy ka fa mamoly voany ty voaloboky, aloha ty fotoampihazà vokatsy ro hanapaha sahady tahony rey amy mesa fingotsy. ⁶Henga hohanimbora noho bibintany amy vohitsy iny aby reo. Ty voro hihina ty fatindrozy am andro mafana ty bibintany koa hihina amy andro maninty. ⁷Amy andro io firenena mahery noho atahora nanomboky ty nisiany reo ro handay soro amy Yaveh. Firenena fatsatsy manitsaky ze alohany eo, tanà miefitsy renirano. Ka handesy amy tany misy ty anara Yaveh soro reo, amy vohitsy Siona

Chapter 19

¹Fanambarà amy Egypta. Ingo Yaveh mitengy amy raho mandeha malaky ho a Egygta. Resintahotsy ty sampy Egypta mahita azy ka milavo lefo ty fo ty Egyptiana. ²Hataoko hifanafiky ty Egyptiana samby Egyptiana. Ka hifamono ty mpirahalaky, ty mpinama, ty mitovy tanà noho ty firenena raiky. ³Hiala ay Egypta, haravako ty fisàny, hamonjy sampy reo rozy, hamonjy mpamoha lolo reo noho mpisikily reo. ⁴Ka hameako mpitariky masiaky hamono azy Egypta, mpanjaka antsintsy ro hamolaky androzy, safà Ndranahary Ntafiky tsy mety tampitsy zay. ⁵Ho maike ty riake, hipipike ty renirano. ⁶Hisy poizy ty sakasakandrano, harivo ho maiky ty lalandrano Egypta, halazo ty bararata noho ty voloando. ⁷Halio tsy misy raha ty lalandrano noho ty vavarano, ho maty ze voly nambole amy renirano, ho rava hanjary lemboky. ⁸Hitany ty mpihaza, hitoreo ze manoraky vinta andrano. Very fanahy ty manoraky harato andrano⁹verihevitsy ty mpandrany lamba noho ty mpitrebiky foly foty. ¹⁰Ty mpiaro any Egypta hitaray, ty mahery fo halahelo¹¹Tsy misy ila azy aby ty mpanjaka Zoana, ty mpanoro hevitsy Faraona manao torolalan adala. Akory ty asakianareo mirekaky Faraona fa nareo taranaky olo hendry noho taranaky mpanjaka? ¹²Aia amizay azy hendry rey? Engao rozy hisikily ty raha ho avy. Ao ho hainolo ty soridala natao Ndranahary Ntafiky hoavy amy Egypta. ¹³Gegy aby ty mpanjaka i Zoana, manonofy ty ampanjaka Memifisa, ty lehibempoko avao ro mamitaky Egypta. ¹⁴Nandefa fanahy mampatahotsy amindrozy Ndranahary tsy mety tampitsy. Soa hibaboky amy ty asany aby io Egypta. manahaky olo mamomandoa io. ¹⁵Tsy ho afaky manao raha sasy amy Egyta, ndre lohandraha ndre rambo. Ndre asenje ndre bararata. ¹⁶Amy andro io hanaky ampela io Egypta. Hatahotsy vo hangitikitike mahita tana Ndranahary mirangaranga hamango azy. ¹⁷Ho tahotsy ho ahy Egypta ty firenena Jodà. Isaky mahare Jodà ie hangonotsy amy ty raha natao Ndranahary Ntafiky androzy. ¹⁸Amizay hisy tanà limy ty a Egypta ao hanao fivolana Kanaana, ka hifanta amy Ndranahary Ntafiky. Ty raiky amindrozy hamea anara hoe tanà fandravà. ¹⁹Amy fotoa io avao hisy toera Masy ahy Ndranahary anivontany Egypta ao, noho trangambato bevata ho ahy Ndranahary tsy mety tapitsy amy sisintany. ²⁰Io ro ho famantara hanambara Ndranahary a Egypta ao. Hitoreo amy Ndranahary rozy amy mpanafiky androzy reo. Ka hahazo mpanavotsy mpiaro hanafaky androzy. ²¹Ka hahay Ndranahary Egyptiana reo amy andro io. Hanao soro noho handay ifikifiky rozy, hanao voady amy Ndranahaky noho hovalea Ndranahary. ²²Io ty hanova Ndranahary Egyptiana reo, hamango androzy Ie, zay vo hivavaky aminy rozy ka hahazo fandefera noho fitsaboa. ²³Amy fotoa io hisy lala hampitohy Egypta noho Asiria, ka handeha a Egypta ty Asiriana voho Egyptiana reo handeha Asiria. Hanompo Ndranahary amizay Egypta noho Asiria. ²⁴Amy andro io Israely ty ho fahatelo hiaraky amy Egypta noho Asiria. Ka ho firenena feno fitahia rozy telo. ²⁵Hitsodrano androzy Ndranahary, hivola hoe: "ho soa tsodrano iha Egypta, oloko noho Asiria asantanako, voho Israely taranaky mpandova Ahy!

Chapter 20

¹Tamy andro nahazoa Tartana, iraky Sargona mpanjaka Asiria, ty tany Asdoda. ²Tamy fotoa io ty nivolana Ndranahary tamy Izaia, anakilahy Amota, nanao hoe: "Andao alao aminao ty sikinao noho ty kapanao amy tombonao. Natony zay ka nadeha tsy ankapa noho tsy antsiky ie." ³Bakeo Ndranahary nivola: "Mitovy amy ty nandehana Izaia mpanompoko tsy ankapa noho tsy antsiky ro ho famantara hiseho amy Egypta noho Etiopia. ⁴Zay koa ty handroaha mpanjaka Asiria ty pamaraky noho ty olo antitsy baka Egypta noho baka Etiopia tsy ankapa noho tsy antsiky no sady lambosy tsy misalotsy ho henatsy Egypta. ⁵Ka hovery hevitsy ty olo hatahotsy amy ty raha mahazo Etiopia ze natao ho firenena tsy mety rava noho Egypta natao ho firenena malaza be voninahitsy. ⁶Ka ty olo amy sisysy riaky iny aby hivola: " Ingo ty mahazo ty tany nanankinatsika toky, nantenantsika famonjea amy mpanjaka Asiria! Ka voho tsika va ro hilay ho aia?

Chapter 21

¹Faminania amy tany maidrano andriake. Io ty talio avy bakantimo, avy bakamy tany maidrano, bakantany atahora. ²Nofy mampatahotsy ty natoro ahy. Ty mpanjanaky manjanaky, ty mpandrava mandrava - Avia Elama ravao Medina. Ataoko tsy misy ty miay. ³Ka matahotsy ty aiko, maharary ty vatako, manahaky ty farary ty ampela miasa, tsy aharezako raha ty fitempo ty foko, tsy ahitako raha ty fangitikitiko. ⁴Mitavoaly ty foko, feno fatahora ty aiko, manjary haly mangitifiry ty haly fiadanako. ⁵Atsanga ty latabatsy, miamby ty mpiamby, mihina bakeo mino.... mitsangana ty mpanjaka, hosoro menaky ty fiaro vy. ⁶Fa izao ty nambara Tompo ahy: "Andana apetraho ty miaramila mpiambilala hivola ze raha jilony." ⁷Ingo fa hitany ty mpitengy soavaly, mandeha kiroeroe, mpitengy boriky, mpitengy rameva; mandeha miada soa mitandry soa. ⁸Mpiamby lala io mitaray: "Tompo zaho miamby lala mamono andro maray noho hariva; ⁹Ingo fa avy ty mpitengy soavaly mandeha kiroadroa! Bakeo nampiany hoe: "Ingo miravoky, miravoky babilona, miparitaky amy tany ty potiky sarivonga sampiny rey!" ¹⁰Aia lahy iha tanàko miraraky manahaky voambary! Ty raha nambara Ndranahary Ntafiky, Ndranahary Israely ro nambarako anareo koa. ¹¹Faminania amy Domà. Koihy aho baka Seira: Mpiamby lala, ino ty hitanao nankaly? ¹²Mamaly ty mpiamby lala: Avy ty maray, noho avy koa ty haly. Haha hanontany nareo manontanea, mibebaha nareo, mipoliana." ¹³Fanambarà amy Arabia. Handalo amy zavo Arabia nareo andro haly, filahara mpandeha antany Dedana. ¹⁴Mandesa rano ho ahy ty marandrano, ty olo a Tama manday mofo ho ahy ty mpandositsy. ¹⁵Milay sabatsy rozy, sabatsy miranirany, milay kititsy mihenja, milay aly mahery. ¹⁶Izao ty safà i Tompo ahy: Tao raiky tavela, tao olo mahery, horava ty reharena Kedara. ¹⁷Ho vitsia ty tavela amy olo mpitifitsy kititsy, taranaky Kedara, safe fa izay ty tapaky Tompo Ndranahary Israely.

Chapter 22

¹Fanambara mikasiky tany faminania. Nanao akory ty olo aby aminao ao nanganiky ambony tafotrano io? ²Tany mihorentseo, mahoraky, tanà tea fihisà! Tsy ho matintsabatsy ty maty aminao ao, na ho maty analy. ³Hiaraky hilay ty mpitariky, mpitifitsy kititsy rey ro nampigadra androzy. Nilay aby ty olo, nandositsy amy tany lavitsy. ⁴Ka izay ivolanako hoe: " Ka manenty ahy, fa angaonareo hitany mare aho, ao tsy hisisiky hanambitamby ahy amy loza nahazo taranako vavy reo nareo. ⁵Fa andro mampatahotsy, mandavo noho mahatrobo, nalefa Ndranahary Ntafiky Tsy misy farany, amy tany faminania. Arava ty vala-vato, ka re ambohity any ty toreo fijalia. ⁶Manday fiadia Elama; saretinaly miaramila, mpitengy soavaly avy, Kira mandrava fiaro sahafa vy. ⁷Taninao soaso a rey lasa feno saretinaly, mamonjy anao ambaravara milahatsy ty miaramila mpitengy soavaly. ⁸Tsy misy hevitsy ty farany faharavà Joda. Hamangy ty lakoro fiaro anaty ala any iha amy andro io. ⁹Varavara maro ty hitanareo amy tanà Davida, nalanareo ty rano vory ambany. ¹⁰Manisaky tranony Jerosamea nareo, akomanareo hamboara rindry vato. ¹¹Mamboatsy fasiandrano anivo rindry roa nareo, hasia ranovory taloha rey. Tsy henteanareo nefa ty olo nanao anio teo. Tsy hitanareo fa misy olo fa nanoma anio fa ela. ¹²Amy andro io Ndranahary Ntafiky tsy misy farany hikaiky anareo hitany noho hanao vango tratra. hampanapaky volo ho sola voho hiakanjo gony. ¹³Ka ingo baky nihehihehy noho mihisa! Mamono aomby noho aondry, mihina ty nohony noho mino divay: Andao tsika hihina noho hino fa ho maty tsika lafa hamaray. ¹⁴Namba Ndranahary Ntafiky ahy: Tsy hahazo fandefera amy raha tsy mety nataonareo reo nareo laha tsy maty. Zay ty safa Ndranahary Ntafiky ¹⁵Zao ty vola Ndranahary Ntafiky: Andana amy tompotanà, amy Sabna lehiben-drova. ¹⁶Ino ataonao eto io, manino iha mihaly lavaky hadevenanao ty vatanao amy tany masy toy eto io? Mihaly vato hilevena anaty lamilamimbato. ¹⁷Ingo Ndranahary hanoraky tana mahery aminao. ¹⁸Hamarimbary anao Ie, havariny mare iha, ka hanahaky laboly mivarimbary antany malalaky rey. Ao ty hifatesanao, eo koa ty hiafarà kalesanao soaso a reo, iha ro henatsy ty tomponao! ¹⁹Hangalaky anao tsy ho amy toera misy anao Aho, Ndranahary ro handroaky anao. ²⁰Amy fotoa io hikaiky Eliakima mpanompoko anakilahy Helkia Aho. ²¹Hampanisiako lamba mpanjaka ie, hameako azy ty fehinkibonao. Sady hameako azy aby ty fahefanao. Ho baba ty olo AJerosalema noho ty olo a Jodea ao ie. ²²Hataoko antsony eo ty lakile trano Davida: Ka tsy hisy hanily ty varavara sokafiny, na hamoha ty varavara ahiliny. ²³Hataoko soa ory amy tany milamy ie. Ka ho reharena ty raza niboahany ie. ²⁴Aminy ro hiory soa ty voninahitsy ty razany. Ty taranany noho ty enta iaby antrano ao ty lova iaby. ²⁵Amy andro io hoasa Ndranahary Ntafiky, ty fantsiky mipetraky amy toera milamy teo taloha, homboka teo, ka haria, ty enta mavesatsy taminy horava. Safe fa nivola Ndranahary.

Chapter 23

¹Fanambara amy Tiro. Mitania nareo sambo Tarsisy! Safe fa rava ie. Tsy misy sasy ty trano! Tsy misy ty vavahady filira! Bakamy tany Kitima ty niavia fanambara reo. ²Ka mivola fa matahora nareo olo amy sisintany. Feno aminareo ty mpiandriaky mivarotsy baka Sidona. ³Fa mamakivaky ranobe, ty vary baka Niely, noho ty vokatsy vavarano, lasa manjary karama ho azy, lasa tsena tany aby toy. ⁴Engao ho mentsy Sidona. Fa miresaky koa ty riake, ty tana mahery amy riake: Tsy nisy raha narary ahy safe tsy niteraky aho, tsy namaha aja aho, na namelo anakampela. ⁵Hangitikitiky ty olony Egipta amy fotoa hahaizany ty faharavà Tiro. ⁶Mandehana a Tarsisy, mitania nareo olo amy sisintany. ⁷Eo va tanà nareo soa iny? Naharitsy fa liany fahagola ie, fa ty tombony ro namary azy antany lavitsy. ⁸Ia ty nandahatsy anio amy Tiro, mpanome satropanjaka, fa mpanjaka ty mpamarotsy tao, noho farany ty nanankanana amy tany toy? ⁹Ndranahary Mandrakizay ty nandahatsy anio. Mba handavo ty fireharehany ze mampiratsy, hahamenatsy ty mahery amy tany. ¹⁰Tetezo miada taninao io, manahaky Neily, anakampela Tarsisy! Rava ty enta antsoroke! ¹¹Nanampatsy ty tanae amy riake iny Ndranahary. Nampihozo fanjaka maro. Nanome baiko handravà mandabe Kanaa Ie. ¹²Izao ty nataony: Tsy hisy sasy ty fety aminao eo, virjiny voaloto, anakampela Sidona. Mitangana andana mandeha amy tany Kitima! Fa ndre any tsy hahitanao fitofà. ¹³Hentao Kaldeana reo, tsy niolo reo, noho olo amy tany maidrano reo, fa tao ro naory Asiria ty tanà; nananga tilikambo rozy, nandavo ty lapa i Tiro, nandripaky azy. ¹⁴Nareo sambo i Tarsisy mitomania nareo! Fa rava tanà mivala vato nareo iny. ¹⁵Amy andro io, hohalinoe anaty ty fitopolo tao Tiro, mitovy amy tao fahareta mpanjaka. Fa anaty ty fitopolo tao Tiro hatao ankira manahaky mankorely io. ¹⁶Tetezo tanà io mandesa hararavo iha, mankorely hihalino. Mihirà soa, ampolio ty hiranao, soa ho tiarovinolo iha. ¹⁷Fa fitopolo tao ty hamangia Ndranahary any Tiro. Bakeo himpoly amy karamany maloto io ndraiky ie, hamarotsy ty vatany amy firenena iaby toy ie, amy tany aby toy. ¹⁸Fa ho ahy Ndranahary ty karama malotony noho ty vokae. Tsy havory na ho hajarie; safe ty vokae ho hany maro noho akanjo soa ho ahy mipetraky anila Ndranahary eo.

Chapter 24

¹Ingo fa avy Yaveh hamotiky tany aby toy , hanozohozo azy noho handroaky ty olo noho handrava azy. ²Ndre olo tsotra ndre mposoro, ndre andevo ndre ty tompony, ndre tompotrano ndre mpiasa, ndre mpamarotsy ndre mpivily, ndre mpitrosa ndre ty mpampitrosa. ³Harava tany toy, fa Yaveh fa nisafa ty haharava azy. ⁴Misaota ty tany, vozake noho maharare, ty olo malaza amy tany nanjary mihohoky. ⁵Nanjary tiva tany toy tsatry ty olo azy, safe nandika lily roze, nandrava lalana noho nivaliky tany fatitsy natao tany Ndranahary. ⁶Farany hakeo ty mamotiky ty tany, ka ty olo aminy eo ro azony, lasa miharava ty olo antany etoy, kelikely avao ty sisa tavela tsy maty. ⁷Malazo ty tahomboaloboky, misaona ty ranony, ze falifaly tany ty fony nanjary nitomany. ⁸Nieny aby feonaponga soa rey, nijano koa ty fisà maresake, tsy re sasy feongitara rey. ⁹Tsy misy sasy ty finoma divay miaraky amy feonkira. Nanjary nafaity amy ty mpino azy ty toake. ¹⁰Narava tanà mikoronta iny, nahily aby ty trano, tsy misy afaky mility. ¹¹Maro ty mihorentseo amy lala iny, fa tsy misy ty divay, rava ty hafalea tsy hita ambony tany etoy koa. ¹²Tana rey potiky aby, ty varavara tsy hita. ¹³Fa manahaky olo mivory amy fanapaha oliva noho amy fihaza voaloboky io ty hisy ambony tany etoy. ¹⁴Ty sasany koa manao feo mahery mihira manome voninahitsy ty hasin' Yaveh. ¹⁵"Nareo amy tany avaratsy any io, deraonareo Yaveh, Ndranahary Israely, noho nareo amy nosintany. ¹⁶Mahare vavaky ty bakamy farasisintany hoe "sambatsy ty olo mahity!" Nefa zaho nivola: "trobo aho! tseriky, loza ty mahazo ahy!" Mandrava ty mpandrava, tsy misy farany! ¹⁷Hatofora, fa lavake noho harato ty mahazo anareo olo ambony tany. ¹⁸Ze olo hilay amy hatofora bevata io holatsaky anaty lavaky, ka ze hiakatsy bakanaty lavaky io ao ho azo ty harato. Safe misy vavahady mivoha ty bakambony lanitsy eo, mihorohoro ty foto tany toy. ¹⁹Mare ty fivakisatany toy, mihomakomaky, mihozo amy hery bevata. ²⁰Manao firavokin olo mamamo tany toy, manao ty fihetseha kozotse io. Mibaby ty fahota vita-e, miravoky tsy mety mitranga sasy. ²¹Amy andro io, hamangy tafiky ambony lanitsy any io Yaveh, noho hamangy mpanjaka antany etoy. ²²Havory raiky anaty lavaky rozy, hogadrà ao, tsy hovangia koa laha tsy afaky andro maro bibiky afara ato. ²³Ho mena vola iny, haike koa masoandro iny, safe hanjaka amy vohitsy Siona noho a Jerosalema ao Yaveh, hiavotsy ty voninahiny miatsiky olo taloha rey.

Chapter 25

¹Yaveh, Njanahariko iha; hanondrotsy anao Zaho, hanompo ty anaranao Zaho; fa nanao raha-mahatseriky iha, raha fa nomany ela, am-pahatokia tanteraky. ²Fa nanovy ho korotam-bato ty tanà, sady ty tanà voaro naré, ho faharavà, sady ty fiarova maré vahiny tsy ho tanà rey. ³Ka le hanome voninahitsy anao olo mahery rey; hatahotsy anao ty tanà ty firenea lako heriloha rey. ⁴Fa fipetsaha fiarova ho ahy ty olo mijaly iha, fialofa ho ahy ze mijaly amy ty fijaleany ao_fialofa amy ty talio noho alokaloky amy ty hafana. Laha manahaky ty talio hanohitsy ty rindry ty imbon'ay masiaky rey, ⁵sady manahaky ty hafana amy ty tany maiky, ro nandresenao ty korakoraky vahiny rey, manahaky ty heriloha ty aloky ty raho ty hafana le manahaky zay koa ro hamalia ty hira masiaky rey. ⁶Amy vohitsy toy eto ro hananova Yaveh Tompo ty lako fanasà amy raha matavy rey, amy ty divay lako karazany, amy ty laoky maro tsoka, fanasà amy ty divay fa niotsiky ela ho ahy ty olo lako iaby. ⁷Horavà amy vohitsy toy eto ty fandrakofa amy ty olo lako iaby eo, ty tsanokala tsanaky amy ty firenea iaby eo. ⁸Hateliny zisiky farany ty fahafatesa, sady Yaveh Tompo hamafa ty ranomaso amy tarehy iaby, halà amy ty tany iaby ty fanalam-baraka ty olony, fa Yaveh ro fa nivola zay. ⁹Sady hovolany amy andro zay hozao: "Ingo, toy ro Njanaharintsika; fa nandiny azy tsika, sady ie hamonjy antsika. Ie ro Yaveh, fa nandiny azy tsika, hifaly noho hiravo ty amy ty famonjeany tsika." ¹⁰Fa amy ty vohitsy toy eto ro hijanona ty tana Yaveh; sady Moaba ho voahitsakitsaky amy ty toerany, ndra le voahitsakitsajy an-davaky atsiky zeziky ao aza ty maloto. ¹¹Namelatsy ty tanan-drozy tanivon-drozy eo zay, manahaky ty famelara ty mpilano ty tanany lafa milano, Fa Yaveh hampijotso ty avonavon-drozy ndra le eo aza ty falaky ty tanan-drozy. ¹²Ty vala abo fiarovanao le hajatso amy ty tany, ho aminy eo amy ty lemboky.

Chapter 26

¹Amy andro zay hira toy ro hirà amy ty tany ty Joda any; Mana tanà mahery zahay; Njanahary fa nanao ty famonjea ho rindry zay noho tinain-tany fiarovany. ²Vohao ty vavahady, mba ahafaha ty firenea marina ze mitandraky finoa militsy ao. ³Ty say zecmipetsaky aminao ao, hajarinao amy ty fiadana fanteraky ie, safe mitoky aminao; ⁴Matoky an'Yaveh ziaiky farany; fa amy Yaveh ao, y,ro lafiam-bato tsy manam-pahareta. ⁵Fa hampijotso ze maiky rey am-piavonavona le; ty tanà mivala harobakiny, Harobakiny amy ty tany; fisafoany amy ty lemboky eny zay. ⁶Ho voahitsaky ty tombo ty mijaly noho ty lia ty mijaly zay. ⁷Voapitiky ty lala ty olo-marina, Azy Marina iny; ty lala ty marina ahitinao. ⁸Eka, amy ty lala ty fitsarana, Yaveh, ro andinasanay Anao; ty Anaranao noho ty lazanao ro fanirianay. ⁹Many Anao zaho lafa haly; eka, mila Anao maré ty fanahy amiko ato. Fa lafa avy anabo ty tany etoy ty fitsarana, le hahay ty fahamarina ty olo mipetsaky amy ty tany. ¹⁰Engao hatoro amy ty raty fanahy ty sitsaky, nefa tsy hahay ty fahamarina aza ie. Amy ty tany ty fahitia any ro hampitoroany faharatia ka le mahita ty voninahitsy Yaveh l¹¹Yaveh, misondrota ty tananao nefa tsy sitsaky ndrozy aza. Nefa ho hitan-drozy ty zotomponao amy ty olo lako ka le halà baraka, safe handrava androzy ty afo mpifanina aminao rey. ¹²Yaveh, handay fiadana ho anay Iha; fa sandraky. fa nahavita asanay rey ho any Iha. ¹³Your Njanaharinay, tompo hafa lako hafa tsy Ana9 ro fa nanapaky taminay eo; nefa ty anaranao raiky avao ro tompoinay. ¹⁴Maty ndrozy, fa tsy mba ho velo; nimaty rozy, fa tsy ,ba hitsanga. Niavy tamy ty fitsarà vatany Iha sady nandrava azy rey, ka le nandrava ty fahatiarova androzy iaby. ¹⁵Fa nampitombo ty firenea Iha, Yaveh, fa nampitombo ty firenea Iha; amea-voninahitsy Iha; fa na,mpiitatsy faritsy ty tany iaby rey Iha. ¹⁶Yaveh, tamy ty horohoro ro nihentean-drozy Anao; nibisibisiky vavaky ndrozy lafa tamyin-drozy ao ty fananaranao. ¹⁷Manahaky ty ampela bevoka famariny ty andro hoteraha, amy ty fotoa mampitsongo azy ka le mitoreo amy ty fiterahany, le manahaky zay koa zahay alohanao eo, Tompo. ¹⁸Fa nanday tsoky zahay, fa nitsongo zahay, nefa zay le manahaky ty miteraky tsioky avao. Mbo tsy nanday famonjea tamy ty tany zahay, sady mbo tsy potsaky olo mipetsaky amy ty tany rey. ¹⁹Hitsanga ty matt aminao ao; hitsanga ty fatin-drozy. Hofoha kable hihira fifalea, iha ze mipetsaky amy ty lemboky; fa ty andonao ro andom-pahazavà, sady ty tany handay efatsy heny maty aminy ao. ²⁰Mandehana, olo lakoko, milira an'efitsanonareo any, ka le hilio varavaranareo rey; nivonia anay ty fotoa tsy ampy ao, zisiky-handehana ty heloky. ²¹Fa, ingo, Yaveh fa mariny hiala baka amy ty toerany ao mba hanasazy ty olo mipetsaky amy ty tany noho ty helokin-drozy; hampibaribary ty fandatsahan-diony ty tany, sady tsy hamony sasy ty faty aminy ao.

Chapter 27

¹Amy andro zay Yaveh le hanasazy ty Leviatana mameno tsy misy dikany, amy ty meso-beny mahery, bey sady masiaky, ty mameno mitambolombolo, sady hamono ty biby mampatahotsy ze anay riaky ao. ²Amy andro zay: ty tanim-boloboky ty divay: hihira ty amy zay. ³"Zaho, Yaveh, Zaho ro mpiaro zay; manondraky zay matetiky Zaho. Miembena andro noho haly zay Zaho Ka le tsy hisy afaky hanimba zay. ⁴Hentao, tsy heloky zaho, ndra nisy akata noho fatiky aza! Handeha hanohitsy androzy amy ty aly Zaho. Horoako miaraky ndrozy; ⁵laha tsy hoe mipitiky amy ty fiarovako ndrozy sady milongo amiko; engao ndrozy hilongo amiko. ⁶Amy ty andro ho avy, le hangalaky faka i Jakoba; hamony noho hitimoky Israely; sady hanatsiky mameno tg tany amy ty voany nerozy." ⁷Moa namaly an'i Jakoba noho Israely manahaky ty namangoany firenea ze namaly androzy reg va Yaveh? Moa va nivonoe manahaky ty famonoa firenea ze nivonon-drozy rey i Jakoba noho Israely? ⁸Amy ty metatsy marina ze fa naahatsinao, nadroaha an'Israely noho Jakoba; nandesiny lavitsy any miaraky amy ty tsioky-mahery ndrozy, tany ty andro ty tsioky antinana. ⁹Ka le laha zay, ho voaonitsy amy zay ty heloky i Jakoba, fa zao ro ho vokatsy iaby tany ty nangalà ty otany: lafa hanao alitara vato rey manahaky ty tsaoky ze voapotiky ie, sady tsy hisy hipetsaky hitsanga ty baon'Aseraha ndra alitara th litan-kazo manitsy rey. ¹⁰Fa ty btanà nampaherezy le ho bozaky, ty fipetsaha le bevata sady hahafy manahaky tg efitsy. Ao ro hamaha ty anak'aomby, sady ao ro hiroroany noho handravany rantsany rey, ¹¹Lafa malazo sampany rey, le hotapaha ndrozy. Ho avy ty ampela ka le handrehitsy afo amin-drozy, fa tsy olo ty fahazavan-tsany toy. Ka le, tsy hanafangoram-po amin-drozy ty Mpihary azy sady nanao azy tsy hana famalozam-po amin-drozy. ¹²Amy andro zay le hisy fanintsana haka amy ty renirano i Eofrata any ka le zisiky amy ty loham-baibon-driaky i Egipta any any ze hanovinao noho Yaveh, olo lakon'Israely, le havory hiaraky kirai-driaky. ¹³Amy andro zay, le hl tsiofy thtromptra bevata; sady ho avy ze rava amy ty tany i Asyria any, noho ze voaroky tany ty tany ty Egipta, hanome voninahitsy an'Yaveh ambohitsy masy eny a-Jerosalema any.

Chapter 28

¹Loza ty satso-boninahitsy folera ze rengirengy mpino toaky Efraima rey ao, noho ty folera malazo ty hasoany bey voninahitsy, azy satso-boninahitsy ze apetsaky an-doha ty loham-baibo maintso mavany eo ze resy ty divay rey! ²Ingo, ty Tompo le mandefa ze bevata noho matanjaky; manahaky ty talio-havandra noho talio mandrava, manahaky ty ora mitariky noho rano manafotsy; sady hanoraky ty satso-boninahitsy folera kirai-kiraiky ho amy ty tany Ie. ³Ho hitsakitsahy ambany tomboky ty folera rengirengy mpino toaky i Efraima rey. ⁴Ty folera malazo ty hasoany bey voninahitsy, ze andoha azy loham-baibo lonaky iny eo, le hanahaky ty aviavy mialin-tao aloha ty fahavaratsy, zay, lafa hita ty olo zay, kafa an-fanany eo zay, le akapany. ⁵Amy andro zay Yaveh tompo ty lako le hanjary satdo-boninahitsy soa tarehy noho diadema ty hasoa ho ahy sisa tavela amy ty olo lakony rey, ⁶fanahy ty rariny ho azy ze mipetsaky amy ty fitsarà, sady hery ho ahy ze mampimpoly fahavalony rey am-bavahadin-drozy eo. ⁷Fa ndra rozy aza le midoladola amy ty divay, sady mivembe amy ty raha-ino mahery. Ty mpisoro noho ty to-resaky le adoladola ty raha-inomy mahery, sady ately ty divay ndrozy. Mivembe amy ty raha-inomy mahery ndrozy, mivembe amy ty fahitana sady midoladola amy ty fanapaha-kevitsy. ⁸Atsiky loa vatany ty latabatsy iaby, ka le tsy misy toera malo. ⁹Amin'ia ro ho hampianary fahaiza, sady amin'ia ro hanazavany azy hafatsy iny? Amy ze vo nisara-nono rey va? ¹⁰Fa beko manampy beko, beko manampy beko zay; fotsipiky manampy fotsipiky; fotsipiky manampy fotsipiky; kelikely eto, kelikely eroy. ¹¹araky amy ty sony mandratiraty noho fivola vahiny vatany ro hiresahany amy olo lako toy. ¹²Taloha Ie le nivola tamin-drozy hozao: "Toy ro fijanona, ameo fijanona ze vozaky; sady toy ro famelombeloma," fa tsy nijanjy rozy. ¹³Ka le ho bekoe manampy beko, beko manampy beko; fotsipiky manampy fotsipiky, fotsipiky manampy fotsipiky; kelikely eto, kelikely eroy amin-drozy ty safa Yaveh; mba handeha ndrozy sady holavo, sady ho simba, voafandriky, sady voasambotsy. ¹⁴Ka le janjino ty safa Yaveh, nareo ze mandratiraty, nareo ze manapaky amy olo lako ze a-Jersalema ao toy. ¹⁵Hitsanga zay safe nivola nareo hoe: anao fanenja tany ty fahafatesa zahay, sady nanao fifanaraha tany ty Fiainan-tsy hita. Ka le laha mandalo eo ty karavasy manafotsy, le tsy hahazo antsika zay. Safe tsika nanao ty vandy ho arontsika, sady ty fitaky ho fiharentsika." ¹⁶Laha zay Tompo Yaveh le mivola zao: "Ingo: Hamboatsy fototsy a-Ziona ao Zaho, vato voasedera, vato fehizoro sarotsy, fototsy azo antoky. Ze mino ro tsy ho menatsy. ¹⁷Hanoviko fotsipiky ty fitsarà, sady pilao ty fahamarina. Hamafa ty fialofa vandy rey ty havandra, sady hanafotsy ty toera tsy hita tondra-drano rey. ¹⁸Ho rava ty fanenkeanareo tany ty fahafatesa, sady tsy hitsanga ty fifanarahanareo tany ty Fiainan-tsy hita. Lafa mandalo ty tondra-drano misavontavonta, le ho hidofotsy zay nareo. ¹⁹Ndra ombia ndra ombia handalova zay, le handofotsy anareo zay, sady isaky-maray le handalo zay sady hanjary andro noho haly zay. Lafa azo azy hafatsy iny, le hampangorohoro zay. ²⁰Fa boribory maré ty fandrea laha hitsorana ty olo, kelikely maré ho azy ty firakofa laha handrakofa ty vatany." ²¹Hitsanga manahaky ty Vohitsy Perazima Yaveh; hanaity ty vatany manahaky ty tany amy ty Loham-baibo i Gibeona Ie mba hanao ty asany, ty asany tsy mahazatsy. ²²Laha zay sady le aza mandratiraty, laha tsy zay ke ho henjany ty fehinareo. Fa naharé lalà famoteha an-tany eto tany i Tompo Yaveh tompo ty lako zaho. ²³Mifantoha ka le janjino ty feoko; mijanjina soa sady janjino ty safako. ²⁴Moa va miasa tany avao ty mpamboly ze miasa tany andro raiky mba handraraky? Mitombon-doha zisiky farany noho mandrava bonga ty baibo va ie? ²⁵Lafa baka nanoma azy tany iny ie, moa va tsy manaparitaky ty voa ty nigela, mandraraky ty komina, mametsaky ty vary tritika mitandahatsy sady ty vary hordea amy ty toera voafaritsy, sady ty ampemba amy ty sisiny eny ie? ²⁶Mampianatsy azy ty Njanahariny; mampianatsy azy am-pahendrea Ie. ²⁷Fanampy zay, tsy fofohy amy ty vy ty nigela, ndra hitsakitsahy amy ty komina ty laron-tsarety; fa fofohy amy ty fantàky ty nigela, sady amy ty hazo ty komina. ²⁸Kosehy anovy mofo ty vary nefa tsy matify maré, sady ndra le manaparitaky zay aza laro ty kalesany rey noho sovaliny rey, le tsy manitsaky zay sovaliny rey. ²⁹Ka le divay amy Yaveh tompo ty lako rey, ze soasoa amy ty fampianara sady soa le soa amy ty fahendrea.

Chapter 29

¹Loza i Ariela, Ariela, azy tanà nipetsaha i Davida! Ampeo tao ty tao; engao himpolimpoly ty andro fifaleafalea.

²Fa hanao vava an'i Ariela Zaho, ka le hisaona noho hitany ie; sady hanahaky an'i Ariela ie Amiko.³Hipetsaky miodidy anao Zaho noho hametsaky vava hahazo anao, sady hampitsanga vala hanohitsy anao Zaho.⁴Hajotso iha ka le hivola amy ty tany eny; ho ambany baka amy ty lemboky eny ty safanao. Hanahaky ty angatsy miboaky amy ty tany ao ty feonao, sady ty safanao le halemy vatany baka amy ty kemboky ao.⁵Malaso lako mpanafiky anao rey le hanahaky ty lemboky maliniky, sady lako amy ze masiaky rey ro hanahaky ty lila ze rava. Hiboaky tampoky zay, anay ty fotoa tsy ampy ao.⁶Ho avy aminao ao miaraky amy ty hotsok'ora, hirohoron-tany, korakoraky naré, miaraky amy ty tsioky-mahery noho talio, sady lelan'afo mandrava Yaveh.⁷Hanahaky ty nofy, fahita amy ty haly zay; Ty malaso lako ty firenea iaby hialy hanohitsy an'i Ariela noho ty fiariva maheriny. Hanafiky azy ndrozy sady ty fampaherezany hapiritsy azy.⁸Hanahaky ty lahilahy mosary ze manonofy mihina, nefa lafa mifoha ie le tsy misy ty sarotsony. Hanahaky ty olo mangetaheta ze manonofy mino, nefa lafa mifoha ie le vozaky, sady tsy afaky hetageta. Eka, hanahaky zay ty firenea bevata lako ze mialy hanohitsy ty Vohitsy Ziona.⁹Anovo hita ty vatanareo ka le engao ho hita; tampeno ty masonareo ka le engao ho jiky! Engao ho mamono, nefa tsy amy ty divay; engao hivembe, nefa tsy amy ty toaky.¹⁰Fa Yaveh fa nandrarsy ty fanahy ty roro laliky taminareo eo. Fa naniry ty masonareo le, olo to-resaky, sady fa nampisaro ty lohanareo, mpahita.¹¹Fanambara iaby taminareo rey le fa manahaky ty soratsy amy ty boky ze vita tampô ao, ze mety hamea ty olo azy raiky ze nampianary iny, ka le hanovy hozao: "Vakio toy." Ie koa ke manao hozao: "Tsy azoko anovy, safe vita tampô toy."¹²Laha amea ty raiky ze tsy mahay mamaky boky iny, ka le hanovy hozao: "Vakio toy," le ie hanao hozao: "Tsy mahay mamaky zaho."¹³Ty Tompo nanao hozao: "Mamonjea Ahy amy ty vavany olo lako rey sady mankalaza ahy amy ty sonin-drozy, nefa lavitsy Ahy ty fon-drozy. Ty fankalazan-drozy Ahy le lily olo ze nampianary rey avao."¹⁴Laha zay, ingo, hiboaky hanao raha-mahatseriky amy olo lako rey eo Zaho, hatsereha arahy hatsereha. Ho rava ty fahendrea ty olo-hendrin-drozy, sady horava ty fahazavan-tsay ty olo-mailon-drozy."¹⁵Loza ze mamony laliky ty faniriany rey amy Yaveh, noho ze miasa anay haliky rey ao. Hoy rozy hozao: "Ia moa ro mahita anay, sady ia ro mahay anay?"¹⁶Mamaliky-raha nareo! Tokony hampoly ho tanimanga va ty mpanao tavy, mba hafaha raha ze namboary mivola mikasiky azy rey ze namboatsy zay hozao: "Tsy nanao ahy ie," ndra ty raha nidinihy hivola mikasiky ty nidinihy azy hozao: "Tsy mahay ie?"¹⁷Tsy ela tsy ela avao, le hanjary baibo i Libanona sady ty baibo ho ala.¹⁸Amy andro zay le haharé ty safa ty boky ty mareny, sady tymaso ty jiky le hahita amy ty haiky ao. Ty¹⁹ malahelo le hifaly amy Yaveh ao ndraiky, sady ty mijaly amy olo rey eo le hifaly amy azy Raiky Masy ty Israely iny ao.²⁰Fa masiaky rey le hijano, sady ty mpandraturaty le horava. Iaby ze teo manao raty rey le tsy hisy,²¹amy ty meso-bey ro hangalà ty olo amy ty mpanao raty. Mampipetsaky fabdriky ho azy ze mikotsoky ty rariny am-bavahady eo noho mampipersaky ty marina amy ty vandy eo avao ndrozy.²²Laha zay le zao ro volany Yaveh mikasiky ty longo i Jakoba_Yaveh, ze nanavotsy an'i Abrahama: "Tsy ho menatsy sasy i Jakoba, ndra hivaloariky ty tarehiny."²³Nefa lafa mahita ty anany ie, ze asa ty tanako, le hanamasy ty anarako ndrozy. Hanamasy ty anarako ndrozy. Hanamasy ty anara azy Raiky Masy i Jakoba iny ndrozy sady hitsanga amin-tahotsy an-Janahary i Israely.²⁴"Ze mivio fanahy reyke mbo hahazo fahazavan-tsay, sady mpitoreo rey le hahazo fahaiza."

Chapter 30

¹"Loza ho ahy aja mpiharo rey," zay ro fanambara Yaveh. "Manao faniria bdrozy, fa tsy avy amiko; manao filongoa ahy ty firenea hafa ndrozy, fe tsy nitoroa ty Fanahiko lalà, ka le manampy fahota milasikg fahota ndrozy. ²Mivonona ty hijotso ho Egipta any ndrozy, fe tsy nangataky ty toro-lalako. Mila firavoa baka amy i Farao ndrozy sady mialoky amy ty aloky i Egipta ao. ³Laha zay le ho fahamenaranareo ty fiariva i Farao, sady ty fialofa amy ty aloky i Egipta eo, ho fanala-barakanareo, ⁴ndra le a-Zoana any aza ty lakon-drozy, sady niavy ta Hanesa any mpanday hafatsiny rey. ⁵Ho menatsy iaby ie iaby laha ty amy ty olo lako raiky ze tsy afaky-manampy androzy, zay sady tsy fanampea ro tsy famonjea, fa fahamenara, sady fanala-baraka mihintsy aza. ⁶Fanambara mikasiky bibili i Nefeva rey: Baka amy ty tany ty fijalea noho loza, liom-bavy noho lion-dahy, ty menara noho ty bibilava masiaky mijotso, ro handaisan-drozy ty hananany an-dambosy ty boriky eo, sady ty rakitsiny amy ty tsoky rameva eo, ho amy ty olo lako ze tsy afaky-manampy androzy any. ⁷Fa tsy misy dikany ty fanampea i Egipta; laha xay le nikaihiko hoe Rahaba ie, ze mipersaky tsy mihontsy. ⁸Mandeha zao, sorato amy ty famonjean-drozy eo amy ty vato pisaky zay, sady apitiho amy taratasy lako ao, mba ho voa hajary ho amy ty andro ho avy ho fitsangana vavolombelo. ⁹Fa olo lako miharo rey, aja mpavandy, aja ze tsy mba haharé ty fampianara Yaveh. ¹⁰Hoy ndrozy amy ty mpahita hozao: "Ka mahita;" sady amy olo to-resaky rey hozao: "Ka to-resaky ty marina aminay; mivolana safa malemy aminay, mananova to-resaky nofinofy. ¹¹Miodiky hiala amy ty lala, mivio amy ty lala; anovo mijano mivola anila th tarehinay eo azy Raikg Masy Israely iny. ¹²Laha zay le hoy ty Raiky Masy Israely iny hozao: "Safe mandà safa zao nareo sady matoky ty fampijalea noho fitaky ka le mianky amy zay, ¹³ka le fahota zay le hanahaky ty raiky vaky ze vonona ty holavo aminao, manahaky ty jiatsy amy ty rindry abo ze ho tampoky eo ty filaboany, anay ty fotoa tsy ampy ao. ¹⁴Ho vakiny manahaky ty fivakia ty lovia ty mpamboatsy fanimanga zay; tsy hiaro zay le, ka le tsy hisy pitany ho hita amy vakiny rey eo ze azo hangala ty afo baka amy fatapera ao, ndra hamoara ty rano baka amy ty sihoabein-drano ao. ¹⁵Fa zao ro volany ty Tompo Yaveh, azy Raiky Masy Israely iny: "Ho avotsy amy ty fimpolia noho fijanona nareo; amy ty tsy fivolana noho fahatokisa ro ho herinareo. Fe tsy nanam-paniria nareo. ¹⁶Hoy nareo hozao: 'Aha, fa hilay amy ty sovaly zahay,' ka ke hilay nareo; sady, 'Hiondra sovaly malaky-fandehana zahay,' ka le ho malaky-fandehana ze mania anareo rey. ¹⁷Arivo raiky ro hilay noho ty fampitahora ty raiky; amy ty fampitahora ty limy ro hilaisanareo zisiky-mahavy ty sisa tavela aminareo hanahaky ty taho-vondro am-bonivohitsy eny, ndra manahaky ty vondro amy ty vohitsy eny. ¹⁸Fa mbo mandint ty hamalo fo aminareo Yaveh, laha zay le vonona ty hampitoto fiantsaà aminareo le. Fa Yaveh le Njanahary tu rariny; sambatsy ze mandiny Azy rey. ¹⁹Fa hisy olo lako hipetsaky a-Ziona any, a-Jersalema any, sady tsy hitany sasy nareo. Hamalo fo amy ty feo ty fitorevanareo vatany le. Lafa reny zay, le hamaly anareo le. ²⁰Ndra ke manome anareo ty mofy ty aly sarotsy noho ty rano ty fampijalea aza Yaveh, ndra le zay aza, le tsy hivony sasy ty mpampianatsinareo, fa hahita ty mpampianatsinareo amy ty masonareo mihintsy nareo. ²¹Ty sofinareo haharé safa baka afaranareo hanao hozao: "Toy ro lala, amy mandeha toy," ndra mivio ho amy ty ankavana ndra mivio ho amy ty ankavia nareo. ²²Ho rovijovitinareo sary voasokitsinarro ze nirakofa volafoty noho sary mitily volamena rey. Harianareo manahaky ty vorotsiky ty fadimbola zay. Hivola amy reny nareo hozao: "Mialà eto. ²³Hanome ora ho ahy ty volinareo le lafa mandraraky amy ty tany eny nareo, sady mofy lako baka amy ty tany, sady ty vokatsy le ho lako. Amy andro zay le hiraomy amy ty akata mlalaky eny biby fiharinareo rey. ²⁴Aomby rey noho boriky rey, ze miasa tany, le hihina ty voaisy sira ze nikotorohy tany ty angady noho angady fitsebiky. ²⁵Eka amy ty vohitsy abo iaby noho ty vohitsy anabo iaby, le hisy loham-baibon-driaky hirotsaky sady rano mandeha, amy ty andro ty famonoabevata ze hilavoa ty tilikambo. ²⁶Hanahaky ty fahazava ty masoandro ty fahazava ty lova, sady ty fahazava ty masoandro le hipiriaky mimpoly impito, manahaky th taratsy-masoandro ty andro fito. Hamehy ty fanorotoroa ty olony Yaveh sady hanafaky ty fery ty nandratsany androzy. ²⁷Ingo, ty anara Yaveh le niavy baka amy ty toera avitsy any, masiaky amy ty heloky noho setsoky matevy. Atsiky halaginy ty soniny, sady ty lelany le manahaky ty afo mandrava. ²⁸Ty imbon'ainy ke manahaky ty halaliky ty riaky ze mahatsatsy zisiky amy ty feo kelikely any, mba haniva ty firenea amy ty siva ty fandravà. Ty imbon'ainy le hisatsa amy ty valanora ty olo mba hahavy androzy hiriorio. ²⁹Hana hira manahaky ty amy ty haly hiembena ty fifakefalea masy nareo, sady fifalefaleam-po, manahaky ty amy ty fahendrea ty olo miarakany amy ty sody ho am-bohitsy Yaveh eny, ho amy ty Lafiam-baton'Israely eo. ³⁰Hanovy Yaveh lahy ty famirapiratsy ty feony sady hatorony ty fihofakofa ty sandriny amy ty heloky masiaky noho lelan'afo, amy ty talio, oram-baratsy, sady havandra. ³¹Fa amy ty feo Yaveh, le holavo i Asyria; hamango androzy amy ty tehy le. ³²Ty vangoa iaby amy azy rantsan-kazo voatingy ze hapetsaky Yaveh amin-drozy iny le hiaraha ty feon'aponga tapaky noho valiha am-pitonany eo noho hialiany amin-drozy. ³³Fa misy toera fandora voamana fa ela. Eka vatany, voama ho ahy ty mpanjaka zay, sady nanovin-janahary laliky sady

malalaky. Fa vonona amy ty afo noho kata bey le bey ty antontany. Ty imbon'ay Yaveh, manahaky ty fandriky ty solifara, le hampirehitsy zay.

Chapter 31

¹Loza ho ahy ze mijotso Egipta rey any hila vonjy noho miantehitsy amy sovaly rey, sady mitoky amy kalesa rey (fa lako rey) sady amy mpiondra-sovaliny rey (fa tsy voahisaky ndrozy). Nefa tsy mba miandrandra Azy Masy i Israely iny, ndra mila an'Yaveh ndrozy! ²Nefa hendry Ie, sady handay loza Ie ka le tsy handrava safany rey. Hitsanga hanohitsy ty longo ty raty noho hanohitsy ty mpamonjy ze manota rey Ie. ³Olo i Egipta fa tsy Njanahary, nofotsy ty sovalin-drozy fa tsy fanahy. Lafa manondrotsy ty tanany Yaveh, ty olo ze mamonjy ro ho tafitohina, sady tyvolo ze vonje oe ho lova; samby hiara-ho faty ndrozy roe. ⁴Zao ro volany Yaveh amiko: "Manahaky ty liona, ndra ty anaky-liona, miero amy ty rembiny, lafa kaihy hanohitsy zay ty mpiemby aondry lako, le tsy mba hangitikitiky amy ty feon-drozy zay, ndra hikisaky amy ty fihorakoran-drozy; le mahahaky zay ro hijotsoa Yaveh Tompo ty lako hialy am-Bohitsy i Ziona eo, amy vohitsy zay. ⁵Manahaky ty voro manomba, ro hiarova Yaveh Tompo ty lako an'i Jerosalema; hiaro noho hampnjy Ie laha mandalo amy zay eo sady manajary zay. ⁶Mimpolia Aminy ze fa niodihanareo maré, olo lakon'Israely. ⁷Fa amy andro zay ty kirai-kiraiiky iaby le hangalaky sampy volafotiny rey noho sampy volanenany ze nanovy ty tananareo rey avao tam-pahota. ⁸Sady ty Asyriana ho lavo ty meso-bey ze tsy mba ahy olombelo ro handrava azy. Le hilay ty meso-bey ie, sady ty pamaraky hampananovy fanompoa mahery. ⁹Sady ndrozy le tsobo fatokisa noho ty fatahora, sady mpanapaky azy hivali-po reyeo anila ty faneva Yaveh - Zay ro fanambara nanovy Yaveh - Ze mana ty afony a-Ziona ao noho ty fataperany fandora a-Jersalema ao."

Chapter 32

¹Ingo, ty mpanjaka le hanjaka amy ty fahamarina, sady ty lahilahy lako le hanapaky amy ty rariny. ²Ty kirai-draiky iaby le ho hanahaky ty fialofa amy ty tsioky sady fialofa amy ty hotsoky, manahaky ty ranovelo amy ty toera maiky, manahaky ty aloky ty lafiam-bato bevata amy ty tany ty havozaha any. ³Sady ty maso ze mahita rey le ho jiky, sady ty sofy ze maharé rey le hijanjy soa. ⁴Kelikely say rey le hidiniky soa amy ty fahazavan-tsay, sady mibadabada rey le hahay hivola mihitsy soa. ⁵Ty adala ro tsy ho kaihy sasy hoe mendriky, ndra ty mpamitaky ho hajà. ⁶Fa ty adala le hivola fahadala, sady ty fony le hanao tetiky-raty noho hanao asa miatsaravelatsihy, sady hivola diso hanohitsy an'Yaveh ie. Hampanoana mosary rey ie, sady hahavy mangetaheta tsy hana raha hinomy rey. ⁷Raty fomba ty mpamitaky rey. Midiniky tetiky-raty ie mba hanimba ty mijaly amy ty vandy, ndra le mivola ze marina aza ty mijaly. ⁸Fa ty olo maeva koa le manao tetiky mety; sady noho tetikiny mety rey ro ho mety ie. ⁹Mitsangàna, ampela tsy manano-sarotsy, sady janjino ty feoko; ampela tsy mivaky loha, janjino Zaho. ¹⁰Fa afaky tao raiky farafahakeliny le ho rava ty fatokisanao, ampela tsy mivaky loha, fa tsy hisy ty fihotazam-boloboky, tsy ho avy ty famoria. ¹¹Mangonotsy, ampela tsy manano-sarotsy; engao hangonotsy, iha ze matoky; esory siky matifinao rey sady engao oha hiborida; sady asio siky fisaona ty valahanao. ¹²Hidradradradra amy baibo mahafinaritsy iha, ho ahyvoloboky mamokatsy rey. ¹³Ty tany ty olo lakoko le rakotsy fatiky noho hery rey, eka fa ndra le ty amy tsano mahafaly iaby ao amy ty tanà ty fifaleafalea ao aza. ¹⁴Fa ty lapa ro ho hafoy, ty tanà atsiky olo lako le ho rava; ty vohitsy noho ty tilikambo ro ho lava-bato zisiky farany, fifalea ho ahy boriky-li rey, akata-maintso ho ahyandry noho aosy rey; ¹⁵zisiky-hilatsaha ty Tanahy baka amy ty abo amintsika any, ka le ty tany efitsy ke ho avy baibo mamokatsy, sady ty baibo mamokatsy ro dinihy mahahaky ty hoe ala. ¹⁶Sady hipetsaky amy ty tany efitsy any ty rariny; sady ty fahamarina hipetsaky amy ty baibo mamokatsy any. ¹⁷Ty asa ty fahamarina ro ho fiadana; sady ty vokatsy ty fahamarina, ro filamina noho fahatokisa zisiky farany. ¹⁸Ty olo lakoko ro hipetsaky amy ty fipetsaha atsiky fiadana ao, amy tsano azo antoky rey ao, sady amy ty toera milamy fangalà ay ao. ¹⁹Nefa laha misy havandra rey le ho simba ty ala, ka le rava tanteraky ty tanà, ²⁰iha ze mandraraky anila onja rey eny le ho voatahy, iha ze mamokatsy aombinao rey noho borikinao mba hiaraky.

Chapter 33

¹Loza ho ahy nareo, mpandrava ze tsy mbo niravà! Loza ho ahy ty mpamaliky ze tsy mbo nivalin-drozy! Laha mianky amy ty famoteha nareo, le ho toro! Laha mianky amy ty tamadiha nareo, le hivalihan-drozy.²Yaveh, mamalo fo aminay; mandiny Anao zahay; engao mba ho sandrinay isaky-maray, sady tamonjeany amy ty andro fijalea.³Anay ty feo maré ro hilaisa ty olo; lafa mitsanga Iha, le mpitariky firenea rey. ⁴Nalevy manahaky ty galala nivory ty gadranao; manahaky ty fifanaretsaky galala-lako rey, ro ifanaretsaha ty olo amy zay.⁵Nasondrotsy Yaveh. Mioetsaha amy ty toera abo eny Ie. Ho atsehi y amy ty firsarà noho fahamarina ty Ziona. ⁶Ho filamina amy ty fotoanareo Ie, famonjea bevata, fahendrea, sady fahaiza; ty fatahora an'Yaveh ro hananany.⁷Ingo, irakin-drozy rey mitoreo an-dala eo; mitany maré iraky manantena fiadana rey. ⁸Rava lala-bey rey; tsy misy mpandeha sasy. Rava ty fanenkea, tsy nasiany fikany vavolombelo rey, sady tsy voahaja ty maha-olombelo.⁹Misaona ty tany sady milofiky; menatsy Lybanona sady karakaina; Saràna Ir manahaky ty lonaky maiky; sady manintsa ty raviny i Basana noho Karmela.¹⁰"Amy zao hitsanga Zaho," hoy Yaveh; "amy zao ho hasondrotsy Zaho; amy zao ho amy ty abo eny Zaho. ¹¹Manorotoro ty voamb-bary nareo, sady miteraky mololo; afi mandrava anareo ty imbon'ainareo. ¹²Ho voadoro olo rey, manahaky ty fatiky nitapahiny noho nioroany.¹³Nareo ze lavitsy, janjino ze fa nanoviko; sady, nareo ze anila, enkeo ty heriko." ¹⁴Matahotsy mpanonta rey a-Ziona any; fangonotsy ro fa nahazo ty mpiatsaravelatsihy. Ia amintsika ro afaky hijano amy ty afo mandrava? Ia amintsika ro afaky hijano amy ty fireheta zisiky farany eo?¹⁵Ie azy mandeha amy ty fahamarina iny noho miresaky am-pahatsora; Ie azy nadrava ty tombo ty famijalea iny, ze mandà ty handramby kolikoly, ze tsy manao tetiky-raty heloky bevava fandratsahandio, sady tsy mila ty raty__ ¹⁶ho hanoviny amy ty abo bibike ty fipetsahany; ty toera fiembenany le ho fiarova mahery amy ty harambato; ty haniny noho ty ranony ke ho atsiky famatsia.¹⁷Ty masonareo ro hahita ty mpanjaka amy ty hasoany; hitsinjo tany malalaky ndrozy. ¹⁸Ho tiaro ty horohoro; aia ty mpanora-dalà, aia ie ze nandanja ty jala? Aia ie ze nanisaky tilikambo rey? ¹⁹Tsy hahita ty olo mpanohitsy nareo sasy nareo, olo hafa fivolana ze tsy takatsinareo.²⁰Hentao Ziona, azy tanà ty fankahalantsika iny; hahita an'i Jerosalema manahaky ty olo milamy ty masonareo, lay ze tsy mba ho alà, ze tsy ho voaombotsy mihitsy ty tsayo-kazony ndra ho tapaky ty foliny. ²¹Fa koa, hitahy amin-kery amintsika Yaveh, amy ty toera amy sisiny ty renirano any noho lakan-drano. Tsy hisy sambo veizy handeha amy zay, sady tsy hisy sambo bevata hamakivaky zay.²²Fa Yaveh ro mpitsara antsika, Yaveh ro mpanome lalà antsika, Yaveh ro mpanjakatsika; sady hamonjy antsika Ie.²³Mirabiraby fanodikodihanareo rey; tsy afaky hitandraky ty hazo lava amy ty toerany rey; tsy afaky hanaparitaky ty lay rey; lafa nizarany azy voagadra bevata iny, ndra le ty mandrava aza hanohitsy gadra iny. ²⁴Tsy hivola ty olo hozao: "Marary zaho;" ty olo ze mipetsaky any ro ho voa enga amy ty helokin-drozy.

Chapter 34

¹Mamonjea marine, nareo firenea; sady mijanjina, mifantoha, nareo olo lako! Ty tany noho ze manatsiky zay le tsy maintsy mijanjy, tany iaby zao, noho ty raha iaby baka amy zay. ²Fa meloky amy ty firenea iaby Yaveh, sady laginy amy ty tafikin-droazy iaby; nandrava androzy tanteraky Ie, nanome androzy tan-tana ty mpiasa eo Ie. ³Taola ty maty rey le hatoraky ambaliky any. Ty fofa maimbo faty rey ho mbenimbeny; sady bohitsy ho vonto ty lion-drozy rey. ⁴Ho rava iaby ty basia ty lanitsy, sady ty lanitsy ro hihoro manzhaky ty horo; sady ty basia iaby le ho rava, manahaky ty ravy ze malazo mihintsa amy ty tahom-boloboky, noho manahaky ty aviavy lo mihintsa amy ty hazon'aviavy. ⁵Fa lafa mamô ty lio an-danotsy any ty meso-beko; ingo, amy zao hijotso Edoma any zay, amy ty olo lako eo ze hatokako amy ty fandravà. ⁶Ty meso-bey i Yaveh le mitete lio atsiky tavy, mitete lio anak'aondry noho aosilahy rey, atsiky ty tavy ty voa aondrilahy rey. Fa mana fanomeza Bozra ao noho famonoa bevata amy ty tany i Edoma ao Yaveh. ⁷Hovonoe miaraky amin-drozy ty aombi-li, noho vontots'aomby miaraky amy fa antitsy rey. Ty tanin-drozy le ho mamô-lîo, sady ty lembokiny le matavy ty hatevy. ⁸Fa ho andro famalia Yaveh zay noho ho tao hamaliany ty amy i Ziona. ⁹Ty riaky-rano i Edoma ke ho avy linta, ty olo lako ho solifara, sady ty taniny ho hanjary linta masiaky. ¹⁰Hasiaky andro amy ty haly zay; ty setsoky zay le ho ela zisiky farany; amy ty tariha mifanolo le ho tany beva zay; tsy hisy olo handalo amy zay eo zisikyfarany bibiky. ¹¹Fa voto-li noho bibi-li rey ro hioetsaky any; ty vorondolo noho ty goaiky ro hana ty tsanony amy zay ao. Sady ho hampariny amy zay eo ty taly fametara ty fapoteha noho ty fantsan-drano fandrava. ¹²Olo-maeva-haja rey ro tsy hana raha ho tafela ho kaihe hoe fanjaka, sady ty mpanjakalahy iaby ro ho tsy misy dikany. ¹³Fatiky ro hitiry amy lapany rey eo, voaroy noho amiana ro amy ty tsano fiarovany eo. Ho fipetsaha aomby-li rey zay, noho toera ostritsa rey. ¹⁴Ty bibi-li noho kary rey ro hijanjy any, sady osidia rey ro hifampikaiky any. Ty biby ty haly ro hanori-petsaky any ka le hahita toeram-pialà-havozaha ho androzy. ¹⁵Vorondolo rey hanao akany, hanatoly noho hikotsoky atoliny rey, hikotsoky sady hiaro anany rey. Eka, any ro hivoria tsimalaho rey, ty kirai-draiky miaraky amy ty namany iaby. ¹⁶Iao amy ty horonan-taratasy yao; fa tsy misy raiky amy tsy ho ao rey. Tsy misy tsy hana nama; fa ty vavany ro mandidy zay, sady ty fanahiny ro mamory androzy. ¹⁷Nanao filoka ho ahy ty toerany ndrozy Ie, sady ty tanany ro nanametatsy zay tany ty taly ho androzy. Ho tompo zay zisiky farany ndrozy; zisiky amy tytariha faramanolo ro hipetsahan-drozy any.

Chapter 35

¹Ty tany efitsy noho karakaina le hifalifaly; sady ty tany-maiky hifaly noho hamony. Mahahaky ty raozy, ²hanenga bevata le bevata sady hihira amy ty fifalea noho ty hirahira; ty voninahitsy i Libanona ro hamea zay, ty hasoan-tarehy i Karmela noho Sarona; hahita ty voninahitsy Njanaharintsika. ³Ampaherezo ty tana mirabiraby, sady atanjaho longotsy mangonotsy rey. ⁴Volano amy reraky am-po rey hozao: "Mahereza, ka matahotsy! Ingo, ty Njanaharinareo ho avymiaraky amy ty famalea, le ty famalran-Janahary. Ho avy Ie sady hamonjy anareo." ⁵Le hahita ty maso jiky rey, sady haharé ty sofy mareny rey. ⁶Le hitsamboko manahaky ty diara ty olo mandrava, sady ty lahilahy moa le hihira, fa hiboaky baka amy ty tany karakaina any ty rano, sady loharano an'efitsy any rey. ⁷Hanjary rarihy ty fasyky mandoro, sady ty tany mangetaheta hanjary loharano miboiboiky; amy ty fipetsaha alika-li rey any, ze ipetsahan-drozy fa ela, le ho atsiky akata volotara noho vondro. ⁸Ty lala-bey any ro ho kaihe hoe Lala Masy. Tsy handeha amy zay ty maloto. Fa zay ro nanovy ho ahy ze mandeha amy zay. Tsy misy adala handeha amy zay. ⁹Tsy misy liona any, tsy misy masiaky amy zay a9; tsy ho hita ao ndrozy, fa ze voasarombaky rey ro handeha ao. ¹⁰Himpoly ty vilim-panavota Yaveh sady ho avy a-Ziona amy ty fihira any, sady fifalea zisiky farany ro ho an-dohan-drozy eo; hahazo fihira noho firavoaravao ndrozy, hilay ty alahelo noho ty fisempora.

Chapter 36

¹Tamy ty tao faha folo efatsy amby nanjaka i Hezekia mpanjaka, Sanjeriba, mpanjaka i Asyria, le nanafiky tanà iaby mivala i Joda rey sady nanangedra androzy. ²Le nalefa ty mpanjaka i Asyria baka Lakisa any ho a-Jersalema any ho amy i Hezekia mpanjaka ty bevata mpifehy miaraky amy ty tafiky bevata any. Nampifamonjy ty lakan-drano ty farihy anabo ie, amy ty lala-bey mana amy ty baibo ty mpanasa siky any, sady nitsanga tamy zay. ³Ty manam-pahefa Israelita ze niboaky ambaliky ty tanà mba hiresaky amin-drozy le i Eliakima anakilahy i Hilikia, ty mpanao ty lapa, Sebna mpitan-tsoratsy ty mpanjaka, sady Joba anakilahy i Asafa, ze nanoratsy fanapahan-kevitsy ty governemanta rey. ⁴Nivola tamin-drozy ty bey manam-pahefa hozao: "Volano amy i Hezekia fa ty mpanjaka bevata, mpanjaka i Asyria, le mivola hozao: "Ino ty loharano ty tokinareo?"⁵ Tsy mivola hafa-tsy safa tsy le ila nareo, mivola fa misy torohevitsy noho hery amy ty aly. Amy zao amin'ia ro itokianareo? Ia ro nankahery anareo hiharo hanohitsy ahy?⁶Ingo, matoky an'i Egipta nareo, ze volotara misintaka ze ampiasanareo manahaky ty tehy, fa lafa miantehitsy amy zay ty olo raiky, le hipitiky amy ty tanany kanle handrava azy zay. Manahaky say i Farao mpanjaka i Egipta amy ty olo ze mahatoky azy. ⁷Fa laha mivola nareo hozao: "Mahatoky an'Yaveh Njanaharinay zahay," tsy azy va toera abo rey noho alitara ze nala i Hezekia rey, sady fa nivola tamy i Joda noho Jerosalema hozao: "Miondreha aloha alitara toy eo a-Jersalema any?"⁸Sady amy zao, maniry ty hanao fanomezana soa ho ahy na baka amy ty mpanjaka i Asyria zaho. Hanome anao sovaly roe arivo raiky zaho, laha hohatsy ka le mahavita mila mpiondra ho androzy iha. ⁹Manao akory ro ahaizanao manohitsy ndra ty kapiteny raiky ze kelikely bibiky amy ty mpiasa ty tompoko? Nampipetsaky ty fatokisanao tamy i Egipta noho kalesa noho mpiondra-sovaly rey nareo! ¹⁰Sady amy zao, moa nandeha taoy tsy niaraky tamy Yaveh mba hialy hanohitsy tany toy noho handrava zay va zaho? Hoy Yaveh tamiko, "manafiha tanà toy sady ravao zay."¹¹dy Eliakima anakilahy i Hilikia, noho Sebna, sady Joa nivola tamy ty bey manam-pahefa hozao: "Mivola lahy amy mpiasanao rey amy ty fivola Syriana, Aramaika, mba hahazoanay zay. Ka miresaky aminay amy ty fivola i Joda an-tsofy olo lako rey eomze amy ty vala ao." ¹²Fa hoy ty bey manam-pahefa: "Moa nandefa ahy mba hivola dafa rey ho amy ty tomponao any noho aminao any va ty tompoko? Tsy nandefa ahy ho amy lahilahy ze mipetsaky any amy ty vala eo ie, ze hihina ty malotony avao noho hino ty amaniny avao miaraky aminao?"¹³Sady nitsanga ty bey manam-pahefa sady nikoraky tamy ty feo maré tamy ty fivolana Jiosy, mivola hozao: "Mijanina ty safa ty mpanjaka bevata, mpanjaka i Asyria."¹⁴ Hoy ty mpanjaka: "Ka le mety ho fitahy i Hezekia iha, fa tsy afaky ty hanavotsy anao ie." ¹⁵Ka enga hampatokisa i Hezekia amy i Yaveh iha, ze mivola hozao; "Hamonjy anay vatany Yaveh, tsy hamea ho an-tana ty mpanjaka ty Asyria eo tanà toy."¹⁶Ka le mijanjy an'i Hezekia fa zao ro volany ty mpanjaka i Asyria: "Milongoz amiko sady mamonjea ahy. Sady ty kirai-draiky aminareo le hihina baka amy ty volobokiny noho baka amy ty hazo aviaviny avao, sady hino ty rano anay ty fipetsahan-dranony ao avao." ¹⁷Zay ro anovinareo siziky-iaviako noho hangalako anareo ho amy ty tany any manahaky ty taninareo avao, tany ty vary noho tany ty divay vaovao, tany ty mofo noho tanimboloboky."¹⁸Ka manenga an'i Hezekia hamitaky anareo, mivola hozao: "Yaveh ro hamonjy antsika". Moa nisy tamy njanahaty ty olo lako rey va ka le nahasarombaky androzy baka an-tana ty mpanjaka i Asyria eo? ¹⁹Aia njanahary i Hamata rey Arpada rey? Sady aia avao koa njanahary i Sefarvaima rey? Moa va nahasarombaky an'i Samaria tamy ty heriko ndrozy? ²⁰Tamy njanahary iaby rey tamy ty tany teto, moa nisy njanahary tamy ty tany eto, moa nisy njanahary nahasarombaky ty taniny tamy ty herilo va? Manahaky ty hoe afaky mamonjy an'i Jerosalema amy ty heriko va Yaveh?²¹Fa ty olo lako nijano nilamy sady tsy nisy namaly, fa zay ro lily ty mpanjaka hozao: "Ka mamaly azy." ²²Sady i Eliakima anakilahy i Hilikia ze bey ty longo, noho Sebma mpanora-dalà, sady Joa anakilahy i Asafa, mpitandraky ty raharagam-panjaka, le namonjy an'i Hezekia miaraky amy akanjony tatakany, sady nanesy taminy safa ty bey manam-pahefa rey.

Chapter 37

¹Lafa ré i Hezekia Mpanjaka ty tatitsin-drozy, le nanataky ty akanjony ie, ka le nanaro ty vatany tamy ty akanjo fisaona, sady nana an-tsano Yaveh any. ²Ie le naniraky an'i Eliakima, ze loha ty longo, noho Sebna mpanora-dalà, sady loha ty mpisoro rey, samby nisaro akanjo fisaona iaby, ho amy i Isaia any olo-to resaky, ana i Amoza. ³Hoy ndrozy taminy: "Hoy i Hezekia hozao: 'Andro toy ro anrro ty fijalea, famangoa, sady fanalam-baraka, manahaky ty aja fa ho teraky, nefa ty reniny le tsy mana hery hiteraha ty anany. ⁴Mety ho ré Yaveh Njanaharinao avao safa ty bey mpifehy rey, ze nirahy ty mpanjaka i Asyria mba hiaritsy an-Janahary velo, ka le nivola maré teny ze ré Yaveh Njanaharinao. Amy zao le asondroto ho ahy ze mbo tavela eto ty vavakinao.'" ⁵Kanle nana amy i Isaia any mpiasa i Hezekia mpanjaka rey, ⁶sady hoy i Isaia tam8n-drozy: "Volano amy ty tomponareo hozao: "Ka matahotsy ty safa ze fa renao, ze tamy zay ro nannivativa mpiasa ty mpanjaka i Asyria rey ahy. ⁷Ingo, hampipetsaky fanahy aminy ao zaho, sady haharé ty tatitsy ilany ie ka le himpoly amy ty taniny any. Hanoviko lavo ty meso-bey a my ty taniny any avao ie." ⁸Sady nimpoly lehibey ty mpitariky rey ka le hahita ty mpanjaka i Asyria jialy tamy i Libna, fa reny fa niala ta Lakisy ao ty mpanjaka. ⁹Sady ré i Senkeriba fa nihetsiky hialy aminy i Tiraka mpanjaka i Etiopia jphp Egypta, ka le naniraky mpanday hafatdy miaraky amy ty hafatsy tamy i Hezekia any ndraiky ie: ¹⁰"Volano amy i Hezekia, mpanjaka i Joda hozao: 'Ka enga hodiso fanantena anao ty Njanahariko ze itokisanao, manao hozao: "Tsy hamea an-tana ty mpanjaka eo i Asyria i Jerosalema. ¹¹Ingo, fa renirano ze nanovy ty mpanjaka i Asyria tamy ty tany iaby tamy ty fandrava androzy tanteraky. Ka le ho boasarombaky va nareo? ¹²Moa va namonjy androzy njanahary ty firenea, le firebea ze nirava razambeko rey: Gozana, Harana, Razefa, sady ty olo lako i Edena ta Telasara ao? ¹³Aia ty mpanjaka i Hamata, mpanjaka i Arpada, mpanjaka tanà i Sefarvaima rey, Hena, sady Iva?" ¹⁴Nandramby ty taratasy tan-tana ty mpanday hafatsy eny i Hezekia sady namaku zay. Le nana an-tsano Yaveh any ie sady namelatsy zay tanilany eo. ¹⁵Nivavaky tamy Yaveh i Hezekia hozao: ¹⁶"Yaveh Tompo ty lako, Njanaharin'Israely, Iha ze mipetsaky anabo Jerobima eo, Iha raiky ro Njanahary amy ty fanjaka ty tany iaby eo. Iha ro nahary ty lanitsy noho ty tany. ¹⁷Ahohirano ty sofinao, Yaveh, sady mijanjina. Vohao ty masonao, Yaveh, ka le henteo, sady janjino safa Sankeriba rey, ze fa nalefany hikizaky an-Janahary veoo. ¹⁸Marina zay, Yaveh, fa nirava ty mpanjaka i Asyria ty firenea iaby noho ty tanin-drozy. ¹⁹Fa nanoviny tanay afo ao njanahariny rey, fa tsy njanahary reny fa asan-tanan'olo, hazo noho vato avao. Ka le nitoro ty Asyria rey. ²⁰Ka le amy zao, Yaveh Njanaharinay, vonjeo amy ty heriny eo zahay, mba ho hay ty fanjaka ty tany iaby fa Iha raiky avao ro Yaveh. ²¹Sady nandefa hafatsy tamy i Isaia any ana i Amoza i Hezekia, manao hozao: "Yaveh, Njanaharin'Israely manao hozao: 'Safe fa nivavaky tamiko mikasiky an'i Sankeriba mpanjaka i Asyria iha, ²²le zao ty safa ze nivolanany Yaveh ty mikasiky azy: "Manao tsy misy dikany noho mangala-baraka anao ty anak'ampela kelikely i Ziona; mihifikifidoha aminao ty anak'ampela. ²³Nivola noho nandratiraty noho an'ia iha? Nampiakatsy-feo noho nivandravandra tam-pirengerengea tamin'ia iha? Tamy ty Azy Masy Israely iny. ²⁴Tamy ty alala mpiasanao ro nivolananao ty Tompo sady nananovanao hozao: 'Tamy ty halakoa ty kalesako ro niakarako tamy ty hahabo vohitsy rey eny, tamy ty fiakara abo bibiky an'i Libanona. Hofapahako sederany lava rey sady hotinginiko haxon-kypreso rey any, sady hilotsy amy ty toerany anabo bibiky rey zaho, le ty alany mamoha bey bibiky. ²⁵Fa nihaly lava-drano zaho sady nino rano; Naritsiko ty renirano i Egypta iaby ambany ty lela-tombokiko. ²⁶Moa va tsy renao ty nanipihako fotoa lako fa lasa zay ze nananovako zay tamtyfitoa fa ela? Sady andesiko mba hitsanga zay. Eto iha mba handrava tanaà matanjaky rey hanjary korontam-bato. ²⁷Olony rey, tsy manan-kery, le laginy noho afa-baraka. Voly am-baibo ndrozy any, akata-maintso, akata anabo tafi eny ndra am-baibo eny, aloha ty tsioky baka antinana any. ²⁸Fa haiko ty fipetsaha, ty fiboahanao, ty filiranao, sady ty helokinzo Amiko, ²⁹Noho ty helokinzo Amiko, noho ty avonavonao ze nipaiky tamy ty sofiko, le hampipetsaky firango amy ty oronao eo, sady ty lamboridiko amy tyvavanao eo; finihiko amy ze lala niavianao any iha, ³⁰Zao ro ho fahaiza ho anao: Hihina ze mitiritiry avao iha amy tao toy, sady ze mitiry amy tao faha roe zay. Fa amy ty tao faha telo le tsy mzintsy mamboly iha sady mihary, mananova tanim-boloboky sady hano yy voany. ³¹Sisa amy ty longo i Joda ze tsy maty rey le hamaky noho hamoha ndraiky. ³²Fa baka Jerosalema ao ro hiboaha sisa rey; baka am-Bohitsy i Ziona ao azy tsy maty rey. Hanao zay ty zotom'po Yaveh Tompo ty lako. ³³Laha zay le zao ro volany Yaveh mikasiky ty mpanjaka i Asyria: "Tsy hilitsy amy tanà toy rto, ndra hanoraky kititsy eto ie. Ndra ho avy aloha zay miaraky amy ty fiaro ndra hampitsanga rindry fiakara amy zay ie. ³⁴Ty lala nahaviany avao ro ho lala hialany; tsy hilitsy amy tanà toy ao ie zay ro fanambara Yaveh. ³⁵Fa hiaro tanà toy Zaho sady hamonjy zay, laha ty Amiko noho laha ty amy i Davida mpiasako. ³⁶Sady ty anjely Yaveh le niboaky ka le nanafiky ty toby Asyriana rey, nahafaty maramila 185.000. Lafa nifoha marain-dray bibike lahilahy rey, le nipitsipitsiky mbenimbeny iaby ty fatin'olo. ³⁷Ka le niala an'Israely i Sanjeriba mpanjaka i Asyria sady noly tan-tsano any ka le nipetsaky ta Ninive ao. ³⁸Tafara tato, laha mbo nanompo tan-tsano i Nisroka ao njanahariny ie, le namono azy tamy ty meso-bey i Adrameleka noho Sarezera

anakilahiny. Bakeo ke niala tamy ty tany i Ararata any ndrozy. Sady ke i Esara-hadona anany ro nanjaka tamy ty toerany eo.

Chapter 38

¹Tamy andro i Hezekia rey le narary maré fa mariny ho maty eo. Ka le niavy taminy eo Isaia anakilahy i Amoza, azy to-resaky iny, sady nanao taminy h.ozao: "Zao rovolany Yaveh: 'Alamino ty tsanonao; fa ho maty iha, fa tsy ho veli.'" ²Le naodiky ty tarehiny nana amy ty rindry any i Hezekia sady nivavaky tamy Yaveh. ³Hoy ie: "Mba tiarovo lahy Yaveh e, ty nandehanako am-pitokisa tamy ty foko iaby tanilanao eo, noho ty nananovako ty soa tamasonao eo." Le nitany maré i Hezekia bakeo. ⁴Ary tonga tamin'Isaia ny tenin'i Yaveh, mano hoe: ⁵"Mandehana ary lazao amin'i Hezekia, mpitarika ny oloko hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Davida razambenao: Efa reko ny vavakao, ary efa hitako ireo ranomasonao. Indro, hanampy dimy ambin'ny folo taona amin'ny fiainanao Aho. ⁶Dia hanavotra anao sy ity tanàna ity amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Asyria Aho, ary hiaro ity tanàna ity. ⁷Izao no ho famantarana avy amin'i Yaveh ho anao, fa ho ataoko izay nampanantenaiko. ⁸Indro, hampiverina ny aloko eo amin'ireo tohatr'i Ahaza ho folo dingana Aho. ⁹"Ka niverina ambaratonga folo ireo tohatra teo amin'izay nihoatra. ¹⁰Izao no vavaka voasoratr'i Hezekia mpanjakan'i Joda, rehefa narary ary sitrana izy: ¹¹"Izao nilaza fa eo amin'ny antenantenan'nyfiainako dia handeha amin'ireo vavahadin'ny fiainan-tsy hita aho; nalefa tany aho mandritra ny taona sisa hiainako. ¹²Hoy aho hoe tsy hahita an'i Yaveh intsony aho, Yaveh any amin'ny tanin'ny velona; tsy hijery ny olombelona na ireo mponin'ny tany intsony aho. ¹³Nalana noho nalà tamiko manahaky ty lay ty mpiemby aondry ty aiko; naporiporitsiko manahaky ty fotaky ty aiko; manapaky ahy amy ty fitaova faneno Iha; anila ty andro noho haliky eo Iha ro manampitsy ty aiko. ¹⁴Nikoraky maré zisiky-may zaho; manahaky ty liona ro famakiany taolako iaby rey. Antenantena ty andro noho ty haliky eo Iha ro manampitsy ty aiko. ¹⁵Mikoropak manahaky ty kitikitiky zaho; mitsé manahaky ty pizon zaho; reraky miandra anabo ty masoko. Tompo e, mijaly zaho; ampeo zaho. ¹⁶Ino ro tokony ho volaniko? Sady nivola ie, ro nanantanteraky zay tamiko; hamalo moramora amy ty tao hiainako iaby zaho safe lembiky ty alahelo. ¹⁷Tompo e, fijalea nalefanao rey le soa ho ahy; hampoly ty aiko noho ty fahasalamako Iha. ¹⁸Tombotsoa ho ahy ty niainako alahelo manahaky reny. Nanavotsy ahy tamy ty lavaky ty faharava Iha; fa nanoraky fahotako iaby rey ho an-dabosinao any Iha. ¹⁹Fa tsy misaotsy anao ty fiainan-tsy hita; tsy manompo anao ty fahafatesa; ze mijotso anay lavaky rey ao le tsy manantena ty fahendream-pitokisanao. ²⁰Ty olombelo, ty olombelo, ie ro azy raiky ze manome fisaora anao iny, manahaky ty anoviko amy andro toy; raiky mampahay ty fahendream-pitokisanao amy anaky rey. ²¹Fa manao famonjea ahy eo Yaveh, sady hankalaza amy ty hira zahay amy ty androm-piainanay ia y an-tsano Yaveh ao." ²²Sady hoy Isaia: "Engao ndrozy hangalaky bongan'aviavy sady hampipetsaky zay amy ty vay eo, le ho afaky ie." ²³Hoy avao koa i Hezekia h.ozao: "Ino ro ho fahaiza fa tokony hiakatsy ho an-tsano Yaveh any zaho?"

Chapter 39

¹amy andro zay Merodaka-baladana anakilahy i Baladana, mpanjaka i Babylona, le nandefa taratasy noho famonjea ho an'i Hezekia; safe reny fa narary i Hezekia sady afaky. ²Faly tamy raha rey i Hezekia; natorony ahy mpanday hafatsy ty tsano fanajariany raha sarotsy rey--ty volafoty , ty volamena, raha-manitsy rey sady menaky soa, ty tsajo fanajariany ahy kobay-fialiany rey, noho ze iaby hita tamy tsano fanajariany rey ao. Tsy nisy raha tan-tsanony ao, ndra tamy ty fanjakany iaby ao, ka le tsy natoro i Hezekia androzy.³Bakeo Isaia to-resaky niavy tamy i Jezequia mpanjaka any sady nanontany azy hozao: "Ino ro volany olo rey aminao? Baka aia ndrozy?" Hoy Hezekia hozao: "Niavy amiko eto baka amy ty forenea lavitsy i Babylona any nerozy." ⁴Le nanontany Isaia hozao: "Ino ro hitan-drozybtan-tsanonao ao?" Namaly Hezekia hozao: "Hitan-drozy iaby ty raha iaby tan-tsanoko ao. Tsy nisy raha tamy rahako sarotsy rey ka le tsy natoroko androzy."⁵Le hoy Isaia tamy i Hezekia hozao: "Janjino ty safa Yaveh tompo ty lako: ⁶Ingo, niavy ty andro ze handaisa ty raha iaby amy ty lapanao ao, raha ze nihajary razambenao rey zisiky amy zao ho a-Babylona any. Tsy hisy hengà, hoy Yaveh.⁷Anakilahy naterakinao rey, ze fa nitezanao---ho alany ndrozy, sady hanjary tandapa amy azy lapa ty mpanjaka i Babylona ihy ao ndrozy.""⁸Bakeo Hezekia nivola tamy Isaia hozao: "Soa ty safa Yaveh ze fa niresahinao. Fa nidiniky ie hozao: " Hisy fiadana noho fahamarinan-toera amy ty androko."

Chapter 40

¹"Hampaherezo, hampahereza ty olo lakoko," hoy ty Njanaharinareo. ²"Miresaha mora amy i Jerosalema; sady ambarao aminy fa nijano ty aliny, fa voaenga ty helokiny, fa nandramby roe mandilatsy tan-tana Yaveh eny ie tamy ty fahotany iaby." ³Nisy feo nikaiky maré hozao: "Ameo ty lala Yaveh ambaliky any; mananova lala-bey mahity amy ty tany any avao ho ahy ty Njanaharintsika." ⁴Ty loham-baibo iaby ro hasondrotsy, sady ty vohitsy noho vohitsy iaby le hampiaky; sady ty tany mideza ho lembalemba, sady tany saro-dala rey ho avy lonaky; ⁵sady ty voninahitsy Yaveh le ho ampahaizy, sady ty olo lako iaby hiaraky hahita zay; fa ty vava i Yaveh ro nivola zay. ⁶Nisy feo nanao hozao: "Kaiho." Nisy raiky namaly hozao: "Ino ro kaiky vatany anoviko?" "Ty nofotsy iaby le akata, sady ty fifanenkean-drozy ro hanahaky ty volera am-baibo eny. ⁷Maiky ty akata sady malazo ty voninkazo lafa mitsioky amy zay eo ty imbon'ain-Janahary; azo antoky fa akata ty olombelo. ⁸Maiky ty akata, malazo ty folera, fa ty safa ty Njanaharintsika ro ho ela zisiky farany." ⁹Miakara amy ty vohitsy abo eny, Ziona, mpanday vaovao mahafaly. Manondrotsy feo maré, Jerosalema. Iha ze manday vaovao mahafaly rey, asondroto ty feonao, ka matahotsy. Volano amy tanà i Joda hozao: "Io ro Njanaharinareo!" ¹⁰Ingo, ty Tompo Yaveh niavy manahaky ty lahilahy mpialy niboaky mpandresy, sady ty sandriny mahery ro hanapaky ho azy. Ingo, ty valisoany miaraky aminy, sady ze nanoviny rey ro mandeha alohany eo. ¹¹Hamaha ty aondry noho aosiny mahahaky ty mpiemby aondry Ie, hamory aondry rey an-tsandriny eo Ie, ka le hilaña am-pony rey eo, sady hitariky amy hasoam-panahy aondry vavy mampinono anany rey. ¹²Ia ro nanametatsy ty rano tam-pelantanany eo, nanametatsy ty lanitsy tamy ty zehy ty tanany, nitandraky ty vovon-tany tanaty sobiky, nandanja ty vohitsy tamy fandanjà rey, ndra vohitsy tamy ty mozana rey? ¹³Ia ro fa nahataksy ty eritseritsy Yaveh, ndra nanoro lala Azy manahaky ty mpanome-say? ¹⁴Baka amin'ia ro fa nandrambesany toro-lala? Ia ro nampianatsy Azy ty fomba fananova raha amy ty tokony ho ie, sady nampianatsy Azy fahaiza, ndra nampitoro Azy ty fomba fatakara? ¹⁵Ingo, firenea rey to manahaky ty rano hdraiky mitete anay sihoa, sady nirambesiny mahahaky ty kemboky anabo ty fandanjà eo; ingo, lanjany manahaky teboky bitiky tanà rey. ¹⁶Libanona ro tsy ampy horoa, ndra bibi-liny rey tsy ampy anovy fanomeza oroa. ¹⁷Ty firenea iaby ro tsyatsiky anilany eo; le niramvesiny manahaky ty tsy misy rey. ¹⁸Amin'ia zay ro hampitovizinareo amin-Janahary? ¹⁹Sampy! namolavola zay ty mpanao asa-tana: ty mpamboatsy volamena le nanao takelam-bolamena noho namboatsy rojo volafoty ho ahy zay. ²⁰Mba hananova fanomeza le misy raiky mitingy hazo tsy mety lo; mila mpanao asa-tana mahay ie mba hanao sampy ze tsy mety mirobaky. ²¹Tsy hainareo va? Tsy mbo janjinareo va? Tsy fa nivolany taminareo tamy velohany any va zay? Tsy fa takateinareo va zay tamy ty famboara ty tany? ²²Ie azy raiky mipetsaky anabo ty lanitsy ty tany iny; sady ty olo iaby rey ro mahahaky ty galala anilany eo. Nandriatsy ty lanitsy mahahaky ty siky Ie sady nanaparitaky rey nanahaky ty lay hipetsaha. ²³Nampihena mpanapaky rey manahaky ty tsy misy Ie sady nanao mpanapaky ty tany rey ho tsy misy dikany. ²⁴Vo nambolè ndrozy, vo nararaky, ty sampa rey ro vo namaky tamy ty tany, lafa nitsoky tamin-drozy eo Ie ka le nalazo rey, sady nandesy ty tsioky manahaky papion ndrozy. ²⁵Amin'ia zay ro hampitovizinao Amiko, ia ro mitovy Amiko?" hoy Azy Masy. ²⁶Hentao ty lanitsy! Ia ro namoro basia iaby rey? Mamoaky androzy amy ty filaharany Ie sady mikaiky azy iaby amy ty anarany. Tamy ty habey ty hery noho tamy ty tanjaky ty fahefany, le tsy nisy raiky tsy nipoitsy. ²⁷Nanino iha, Jakoba, ro nivola noho nanambara tamin'Israely hozao: "Ty lalako ro mivony amy Yaveh, sady ty Njanahariko le tsy voakasiky ty fahamarinako?" ²⁸Tsy hainareo va? Tsy renareo va? Azy Njanahary ela sisiky farany iny, Yaveh, azy namoro vazan-tany iny rey, le tsy vozaky ndra reraky; tsy misy farany ty fahaizahy. ²⁹Manome hary ty vozaky Ie; sady manome hary vao ho ahy ze marary. ³⁰Ndra ty tanora aza le hanjary vozaky noho reraky, sady pamaraky rey ro ho heloky ka le holavo: ³¹Fa ze mandiny an'Yaveh rey ro hikizaky ty herin-drozy; hitily amy ty elatsy manahaky ty voromahery ndrozy; hilay ndrozy ka le tsy ho reraky; handeha ndrozy sady tsy ho tsipiky.

Chapter 41

¹"Mijanjina am-pilamina aloha Ahy, nareo moron-tsiraky; engao hanavao ty heriny firenea rey; engao ndrozy hamonjy mariny sady hivola; engao tsika hiaraky hanariny mba hifandahatsy noho hialy hevitsy. ²Ia ro nanenta ty raiky baka antinana any, nikaiky azy am-pahamarina ho amy ty fanompoany? Manome ty firenea ho azy Ie sady manampy azy handresy mpanjaka rey. Mamaliky androzy ho lemboky amy ty sabany ie, manahaky ty papion tsiogy ty tsioky amy ty kititsyny. ³Mania androzy ie ka le tafita soa soa, tamy ty lala soa ze tsy handalova ty tombony. ⁴Ia ro nanao noho nahavita asa rey? Ia ro nampikaiky tariha zisiky amy velohany rey any? Zaho, Yaveh, ro velohany, sady miaraky amy farany rey, Zaho ro Ie. ⁵Nahita tanà rey ka le natahotsy; miovitsovitsy ty fara ty tany; namonjy ndrozy ka le niavy. ⁶Samby manampy ty namany ty olo-iaby, sady ty olo iaby nifampiresaky hozo: 'Mahereza.' ⁷Ka le nampahery mpamboatsy volamena rey ty mpandrafitsy, sady ze miasa amy ty tan-tana nampahery ze miasa amy ty riandria, mivola ty solohoto hozo: 'soa zay.' Nifehezin-drozy tamy ty fantdiky zay mba tsy hihozongozo. ⁸Fa iha, Israely, mpiasako, Jakoba ze fa nitinginiko, tariha i Abrahama namako, ⁹iha ze hampolika baka amy ty fiafara ty tany, sady ze nikaihiko baka amy ty toera lavitsy rey, sady ze nivolaniko hozo: 'Mpiasako iha;' Fa nitingy anao Zaho sady tsy nandanako iha. ¹⁰Ka matahotsy, fa mitahy anao Zaho. Ka mitahotahotsy, fa Zaho ro Njanaharinao. Hampahereziko iha, sady hanampy anao Zaho, sady hanoha anao amy ty tanako ankavana marina Zaho. ¹¹Ingo, ho menatsy noho afa-baraka, iaby ze meloky taminao rey; hanahaky ty tsy misy dikany ndrozy sady ho maty, iaby ze manohitsy anao rey. ¹²Hila iha nefa tsy hahita ze nifandahatsy taminao rey; ze nialy taminao rey ro hanahaky ty tsy misy dikany, tena tsy misy dikany. ¹³Fa Zaho, Yaveh Njanaharinao, ro hitandraky ty tananao ankavana, mivola aminao hozo: 'Ka matahotsy; fa hanampy anao Zaho.' ¹⁴Ka matahotsy, iha Jakoba soko, sady nareo olo ty Israely; fa hanampy anareo zaho---zay ro fanambara Yaveh, mpanavotsy anareo, azy Raiky Masy Israely iny. ¹⁵Ingo, anoviko hanahaky ty laro vy maranitsy iha, vo sady roe-lela; hamango vohitsy rey iha sady hanorotoro rey; hanovinao hanahaky ty lilam-bohitsy rey. ¹⁶Hikororoky androzy iha, sady ty tsioky handay androzy hiala; hanaparitaky androzy ty tsioky. Hiravoravo amy Yaveh iha, hiravoravo amy ty Raiky Masy Israely iny. ¹⁷Mila rano malahelo noho mijaly rey, nefa tsy misy, sady ty lelan-drozy ro ho maiky noho ty hetaheta; Zaho, Yaveh, ro hamaly ty vavakin-drozy; Zaho, Azy Najanaharin'Israely iny, le tsy hahafae androzy. ¹⁸Hahavy ty renirano hirotsaky amy ty jaly Zaho, Sady loharano anivo ty loham-baibo eo; hanoviko dobon-drano ty tany tsy misy, sady ty tany maiky ho loharano. ¹⁹Amy ty tany efitsy any ro hametsahako sedera rey, akasia, rotsy, sady ty hazon'Oliva. Hametsaky ty kypreso amy ty lonaky eny ty tany tsy misy, miaraky amy ty kesiky noho hazo kypreso rey Zaho. ²⁰Hanao zay Zaho mba hahita, hanenky, sady hoara-hahatakatsy ty olo, fa ty tana Yaveh ro nanao zay, sady azy Raiky Masy Israely iny ro namoro zay. ²¹"Volano ty makisaky anao," hoy Yaveh, "atoro ty hevitsinao soa bibike ho ahy sampianaoy rey," hoy ty Mpanjaka an'i Jakoba. ²²Engao ndrozy handay ty hevitsin-drozy raiky; anovo mandroso ndrozy sady ambarao aminay ze hiboaky, mba hahazanay soa raha rey. Anovo ambaran-drozy aminay fanambara voavina aloha rey, mba hafahanay manao androzy fitaratsy noho hahazanay tyty fomba nahatanteraha rey. ²³Volano raha mikasiky ty hoavy rey, mba hahazanay fa njanahary nareo; mananova raha soa Ndra raty, mba hatahotsy noho hoaky vola zahay. ²⁴Ingo, tsy misy dikany nareo sampy sady ty asanareo le tsy misy dikany; azy raiky ze nitingy anareo iny le mampangoritsy. ²⁵Fa nampitsanga aiky baka avaratsy any Zaho, sady niavy ie; baka amy ty fiboaha ty masoandro any ro hikaihako ze mikaiky ty anarako, sady hanitsanky mpanapaky manahaky ty fotaky rey ie, manahzky ty mpamboatsy tanimanga manitsakitsaky ty tanimanga. ²⁶Ia ro nanambara zay zisiky amy velohany, mba hahazanay? Aloha fotoa zay, mba hivolanany hozo: "Marina ie"? Eka vatany, tsy nisy nanao zay ho lalà ndrozy, eka, tsy nisy nanoro anareo nivola raha. ²⁷Hoy Zaho tamy i Ziona tamy ty velohany; 'Ingo ndreto ndrozy;' nandefa mpanday hafatsy ta Jerosalema any Zaho. ²⁸Lafa manenty zaho, le tsy misy ndra ia ndra ia afaky manome toro-hevitsy soa, ze afaky hamaly safa, lafa manontany Zaho. ²⁹Ingo, tsy misy dikany ie iaby, sady ty asan-drozy le tsy misy dikany; tsioky noho raha-avao ty sary atilin-drozy rey.

Chapter 42

¹Ingo, ty mpiasako, ze tandrahako; azy nitinginiko iny, aminy ao ro andrambesako sitsaky. Fa napetsaky taminy eo ty Fanahiko; handay rariny amy firenea rey eo ie. ²Tsy hitoreo ndra hihoaky ie, ndra hanao ty feony ho ré andala eny. ³Tsy ho tapahiny ty volotara torotoro, sady tsy ho vonony ty afo ty jiro mirehitsy: hanantanteraky ty rariny am-patokisa ie. ⁴Tsy hitombo hareraha ie ndra ho kivy zisiky hametsaha ty rariny anabo ty tany eto; sady ty tany amorontsiraky handiny ty lalàny. ⁵Zao ro volany Yaveh Njanahary_ze namoro ty lanitsy sady nanenja rey, azy nanao ty tany noho ze iaby vokariny iny, ze nanome imbon'ay ho ahy ty olo amy zay sady fiaina ho ahy ze miay amy zay rey eo hozao: ⁶"Zaho, Yaveh, fa nikaiky anao tany ty fahamarina sady hitandraky ty tananao. Hiembena anao Zaho sady hametsaha anao manahaky ty fanenkea ho ahy ty olo, manahaky ty fahazava ho ahy Jentilisa rey, ⁷mba hamoha ty maso ty jiky, mba hanafaky gadra amy ty tsano maiky ao rey, sady baka amy ty tsano fipetsaha ze mipetsaky amy ty haiky ao rey. ⁸Zaho ro Yaveh, zay ro anarako; sady ty voninahitsiko tsy ho zarako amy ty hafa ndra ty fanompoa Ahy ho amy ty sampy voasokitsy. ⁹Ingo, fa lasa ty raha taloha, amy zao hanambara raha-vaovao aminareo Zaho. Aloha ty hanomboha rey le hivola anareo milasiky rey Zaho." ¹⁰Mihirà hira vaovao ho an'Yaveh, sady ty fanompoany zisiky amy ty fara ty tany any; nareo ze mijotso amy ty riaky any, noho ze iaby aminy ao, tany amorontsiraky rey, sady ze mivelon'any rey. ¹¹Engao hitoreo ty efitsy noho tanà rey, ty tanà ze hipetsaha i Kedara, le hihoaky amy ty fifalea! Engao hihira ty olo i Sela; engao hihoaky baka anabo vohitsy eo ndrozy. ¹²Engao hanome vininahitsy an'Yaveh ndrozy sady hanambara ty fanompoany amy ty tany amorontsiraky. ¹³Hiboaky manahaky ty mpialy Yaveh; manahaky ty lahilahin'aly hampirisiky ty zotom-pony Ie. Hihoaky Ie, Eka, hierotsy amy ty hoakyn'aliny Ie; hatoronybty fahavalony ty heriny. ¹⁴Fa tsy nivola Zaho zisiky zao; fa nilamy Zaho sady nifehy ty vatako; amy zao hitoreo manahaky ty ampela miteraky Zaho; miehakehaky tsy baka miay. ¹⁵Hanoviko tsy misy ty vohitsy noho ty vohitsy sady hanamaiky ty raha-mitiry iaby; sady hamaliky ty renirano ho tanà Zaho sady hanamaiky ty tany maiky. ¹⁶Handay ty jiky amy ty lala ze tsy hain-drozy Zaho; amy ty lala ze tsy hain-drozy ro hitarihako androzy. Hamaliky ty haiky ho mazava alohan-drozy eo Zaho, sady hanao ty toera ty meloky ho marina. Raha rey ro hanoviko, sady tsy hiala androzy Zaho. ¹⁷Himpoly ndrozy, sady ho afa-baraka tanteraky, ze matojy ty sarin-draha voasokitsy rey, ze mivola ty sarin-draha narondriky tany ty vy rey hozao: "Nareo ro njanaharianay." ¹⁸Mijan'ina, nareo maren'ny e; sady manentea, nareo jiky, mba hahita. ¹⁹Ia ro jiky nefa mpiasako? Ndra maren'ny manahaky ty mpanday hafatsy nirahiko? Ia ro jiky manahaky ty namam-panenkeako, ndra maren'ny manahaky ty mpiasa Yaveh? ²⁰Lako ty raha hitanareo, fe tsy takatsinareo; mihorirantsofy, nefa tsy misy maharé. ²¹Nahafaly an'Yaveh ty manompo ty fahamarinany sady ty manome voninahitsy ty lalàny. ²²Nefa toy ro olo lako nangalany noho voarava; voafandriky amy ty lavaky any iaby ndrozy, nitana ho gadra tan-gadra ao; fa nanjary voarava ndrozy ka le tsy misy ndra ia ndra ia hanarombaky azy, sady tsy misy mivola hozao: "Ampolio ndrozy!" ²³Ia aminareo ro hijanjy rey zay? Ia ro hijanjy noho haharé amy ty ho avy? ²⁴Ia ro nanome an'i Jakoba ho ahy malaso rey, sady ty Israely ho amy ty mpandrava? Moa va tsy Yaveh zay, ze fa nanontantsika, ze tsy nenken-drozy handehana ty lalany, sady ze tsy nenken-drozy harahy ty lalàny? ²⁵Laha zay le narorakiny tamin-drozy ty siaky ty helokiny, mbamy ty fandravà ty aly. Niredareda niodidy androzy zay, nefa tsy nahay zay ndrozy; ka le nandoro androzy zay, nefa tsy nirambesin-drozy am-po zay.

Chapter 43

¹Fa amy zao le zao ro volany Yaveh, Ie ze namoro anao, Jakoba a, sady Ie ze namboatsy anao, Israely e: "Ka matahotsy, fa nanaromvaky anao Zaho; fa nikaiky anao tamy ty anaranao Zaho, Ahy iha." ²Laha mandeha mamakivaky ty rano nareo, le ho aminareo eo Zaho; sady amy renirano rey, le tsy hanafotsy anareo raiky. Lafa mandeha mamakivaky ty afo nareo le tsy ho may, sady tsy handrava anareo ty lelan'afo. ³Fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo, azy Raiky Masy Israely, Mpanarombaky anareo iny. Nameako hanahaky ty valim-panavotanareo i Egipta, i Etiopia noho i Seba ho takalonareo. ⁴Fa sarotsy noho miavaky amasoko eo nareo, teako nareo; laha zay le hanome olo ho solonareo Zaho, sady olo lako hafa ho solo ty ainareo. ⁵Ka matahotsy, fa mitahy anareo Zaho; handay ty tarihanareo baka antinana any Zaho, sady hamory anareo naka andrefa any. ⁶Hivola amy ty avaratsy Zaho hozao: 'Afaho ndrozy', sady amy ty antimo hozao: 'Ka misy tandraha; Andeso baka lavitsy any anakilahiko rey, sady anak'ampelako rey amy faritsy lavitsy ty tany any, ⁷ty kirai-kiraiiky ze nikaihe tamy ty Anarako, ze nihareko ho ahy ty voninahitsiko, ze namboariky, eka, ze nanoviko. ⁸Aboaho olo ze jiky rey, ndra le mana-maso aza ndrozy, noho mareny rey, ndra le manan-tsofy aza ndrozy. ⁹Miara-mivory ty firenea iaby, sady mivory ty olo lako. Ia amin-drozy ro afaky manambara zay noho manambara taminay raha niseho rey taloha eo? Engao ndrozy handay ty vavolombelony mba hanaporofa marina androzy, engao ndrozy hijanjy noho hampahery hozao: 'Marina zay.' ¹⁰Manambara Yaveh hozao: "Nareo ro vavolombeloko, sady mpiasako ze nitinginiko, ka le tokony hahaza noho hino Ahy nareo, sady hahataky fa Zaho ro Ie. Tsy nisy njanahary voaforo talohako, sady tsy hisy afarako ao. ¹¹Zaho, Zaho ro Yaveh, safy tsy misy Mpanarombaky ankoatsy Ahy. ¹²Fa nanambara Zaho, nanarombaky, sady nanambara am-pahibenaso, sady tsy misy njanahary hafa aminareo eo. Nareo ro vavolombeloko," hoasa Yaveh," Zaho ro Njanahary. ¹³Zisiky amy andro io le Zaho ro Ie, sady tsy misy afaky manarombaky an'ia ndra tanako eo. Miasa Zaho, sady ia ro afaky hamaliky zay?" ¹⁴Zao ro volany Yaveh, Mpanarombaky anareo, azy Raiky Masy Israely iny: "Fa noho ty aminareo ro handefasako Babylona any noho hitarihako androzy iaby hijotso mahahaky ty mpilay, hamaliha ty fitoroa Babylona rey hafalea ho hiram-pitania. ¹⁵Zaho ro Yaveh, azy Raiky Masinareo iny, Mpamoro an'Israely, Mpanjakanareo. ¹⁶Zao ro volany Yaveh (ze namoha lala namakivaky ty riaky noho lala tamy ty rano mahery eo, ¹⁷ze nampiboaky ty kalesa noho ty sovaly, ty tafiky noho ty maramila mahery. Niaraky-lavo ndrozy; tsy hitsanga sasy ndrozy; maty ndrozy, mitsilopolopo manahaky ty lahin-jiro.) ¹⁸"Ka mieritseritsy mikasiky raha taloha rey, ndra mahatiaro raha taloha fa ela rey. ¹⁹Ingo, Zaho fa manao raha-vaovao; fa hanomboky mitsanga zay amy zao; tsy mahay zay va nareo? Hanao lala an-tany efitsy any noho rian-drano an-tany karakaina any Zaho. ²⁰Hanome voninahitsy Ahy ty bibi-li am-baibo, alika-li rey noho ostritsa rey, safe nanome rano an-tany karakaina any Zaho, sady renirano an-tany efitsy any, mba hinomy ty olo lako voatingiko, ²¹olo lako ze nivolavolako ho Ahy rey avao, fa mety hitantara ty fanompoa Ahy ndrozy. ²²Fa tsy nikaiky Ahy iha, Jakoba; reraky ty Amiko iha, Israely e, ²³Tsy mba nanday tamy aondrinareo rey ho fanomeza oroa ho Ahy nareo, ndra nanome voninahitsy Ahy tamy soronareo rey. Tsy nanavesatsy anareo tamy ty fanomeza vary Zaho, ndra nanasatsy anareo tamy ty fangataha litan-kazo manitsy. ²⁴Tsy nivily veromanitsy ho Ahy tamy ty jala nareo, ndra nandraraky Tamiko ty sabora soronareo rey; fa nanavesatsy Ahy tamy ty fahotanareo nareo; nanasatsy Ahy tamy asa ratinareo rey. ²⁵Zaho, eka, Zaho, ro Azy mamono ty fandikan-dalànanareo iny noho ty Amiko avao; sady tsy hahatiaro fahotanareo rey sasy Zaho. ²⁶Ampahatiaro Ahy zecnitsanga. Engo tsika hiara-hifandahatsy; atoro ty hevitsinareo, fa mety ho boaporofa ho tsy manan-tsiny nareo. ²⁷Nanota ty babanareo velohany, sady niharo tamiko olo-benareo rey. ²⁸Laha zay le holotoko manam-pahefa masy rey; hanao an'i Jakoba ho rava tanteraky Zaho, sady Israely amy ty fanalam-baraka mahery loha."

Chapter 44

¹Mijanina amy zao, Jakoba mpiasako, noho Israely, ze nitinginiko: ²Zao ro volany Yaveh, Ie ze nanao anao noho namolavola anao tan-dabosiko ao noho ze hamonjy anao hozao: "Ka matahotsy, Jakoba mpiasako e; noho iha, Jesorona, ze nitinginiko.³Fa handstsaky rano amy ty tany malemy, noho rian-doharano amy ty tany maiky Zaho; handatsaky ty Fanahiko amy ty ananao Zaho, sady ho amy ananao ty rey ty fitahiako. ⁴Hitimoky amy ty akata eo, manahaky ty hazomalalahelo anila ty rian-drano eo ndrozy.⁵Ty raiky hivola hozao: 'An'Yaveh zaho', sady ty hafa hikaiky maré ty anara i Jakoba, sady ty hafa hanoratsy amy ty tanany eo hozao: 'An'Yaveh ', ka le hikaiky ty vatany amy ty anara Israely."⁶Zao ro volany Yaveh— azy Mpanjaka ty Israely iny noho Mpanarombaky azy, le Yaveh Tompo ty lako: "Zaho ro velohany, sady Zaho ro farany; sady tsy misy Njanahary hafa-sy Zaho.⁷Ia ro manahaky Ahy? Engao ie hivola zay ka le hanazava Amiko raha ze niseho zisiky amy ty nanamboarako ty olo lakoko taloha rey, sady engao ndrozy hanambara raha ho avy rey.⁸Ka matahotsy ndra miahiahy. Moa va Zaho tsy fa nanambara taminareo taloha any, ka le nivola zay? Vavolombeloko nareo: Moa va misy Njanahary hafa-sy Zaho? Tsy misy Lafiam-bato hafa; tsy mahay ndra raiky aza Zaho."⁹Ty iaby ze mamboatsy sampy ro tsinotsino; raha-sy misy raha ankasitsahiny rey; ty vavolombelon-drozy ro tsy mahita ndra mahay ndra ino ndra ino, sady hala-baraka ndrozy. ¹⁰Ia ro hamolavola njanahary ndra hamboatsy sampy ze raha-sy misy?¹¹Ingo, ty mpiara-misa aminy iaby le hala-baraka iaby; mpanao asa tana rey ro olo avao. Engao ndrozy hiara-hitsanga; hatahotsy ndrozy sady hala-baraka.¹²Ty mpamboatsy ro miasa amy fitaovany rey, mamolavola zay, miasa amy ty arina. Mamolavola zay amy ty tandraha sady miasa zay amy ty sandriny mahery ie. Mosary ie, ka le mihena ty tanjakiny, tsy mino rano ie ka le manjary reraky.¹³Manametatsy ty hazo amy ty fitipaha ty mpandraftsy, sady misokitsy zay amy ty fandraka. Mamolavola zay amy fitaovany rey ie sady manamarina zay amy ty kompà. Mamolavola zay hanahaky ty endrik'olo ie, manahaky ty olombelo maninto, mba hipetsaky an-tsano ao zay.¹⁴Manapaky sedera ie, ndra mitingy hazon-kypreso ndra hazo terebinta. Mangalaky hazo an'ala any ho azy ie. Mamboly kesiky ie sady mampitiry zay ty ora.¹⁵Le ampiasa ty olo hampireheta afo noho hamindroa zay. Eka, mandreheta afo ie ka ke manao mofo. Le manao najanahary amy zay ie ka le mandohaliky amy zay; manao sampy ie ka le mandohaliky amy zay. ¹⁶Mandoro ty ilany amy ty hazo hampireheta afo ie, manono ty henany amy zay. Mihina ie ka le afa-po. Mamindro ie ka le manao hozao: "Aha, mafana zaho, fa nahita afo Zaho."¹⁷Amy ty hazo sisa tavela ro anamboarany njanahary, ty sariny voasokitsy; mandohaliky amy eo ie sady manaja zay, sady mivavaky amy zay manao hozao: "Anovo zaho, fa iha ro njanahariko."¹⁸Tsy mahay, ndra mahatakatsy ndrozy, fa jiky ty mason-drozy ka le tsy mahita, sady tsy mahay ty fon-drozy.¹⁹Tsy misy hevitsy, ndra mahazo ndrozy ka le manao hazo tanay afo ao zaho; eka, fa nanao mofo tanabo ty ariny eo avao koa zaho. Fa nitono hena tany ty ariny eo zaho ka le nihina. Amy zao, tokony hanao raha mampangoritsy amy ty hazo hafa ilany mba ho tompoe va zaho? Tokony handohaliky amy ty vatan-kazo va zaho?"²⁰Manahaky ty hoe mihina lavenoky ie; mampivio azy ty fony voafitaky. Tsy afaky mamonjy ty vatany ie, ndra manao hoe ie: "Raha an-tanako havana eto toy ro njanahary tsy izy,"²¹Diniho ty mikasiky raha rey, Jakoba, noho Israely, fa mpiasako iha: fa namolavola anao Zaho; mpanompoko iha: Israely, tsy halinoko iha. ²²Nivonoko, manahaky ty raho matevy, asa fiharoanao rey, sady manahaky ty raho, fahotanao rey; mimpolia Amiko, fa nanarombaky anao Zaho.²³Mihirà, nareo lanitsy e, fa Yaveh ro nanao zay; mikoraha, nareo halaly ty tany e, Mihira amy ty fihira, nareo vohitsy e, iha ala mbamy ty hazo iaby ao e; fa navota Yaveh i Jakoba, ka le hahita ty voninahiny a-Israely ao.²⁴Zao ro volany Yaveh, Mpanarombaky anao, Ie ze namolavola anao zisiky an-dabosiko ao: "Zaho ro Yaveh, ze nanao ty raha iaby, ze Zaho raimy ro nanampatsy ty lanitsy, ze Zaho raiky ro namboatsy ty tany. ²⁵Zaho ze mandrava ty fahaiza mpivolambola avao rey noho ze mangala-baraka ze mamaky fahaiza rey; Zaho ze mandrava ty fahendrea ty hendry noho manao ty torohevitsin-drozy ho adala.²⁶Zaho, Yaveh, ze nampahery safa ty mpiasany rey sady mampandalo gaminania hiraky rey, ze mivola amy i Jerosalema hozao: 'Hipetsaha ie', sady ahy renivohitsy i Joda rey hozao: 'Hatsanga ndraiky ndrozy, sady handreny ty faharavany Zaho'; ²⁷ze mivola amy ty riaky lailky hozao: 'Engao ho ritsy, sady ho ritsiako renirano rey.'²⁸Yaveh Azy ze mivola an'i Kyrosy iny hozao: 'Ie ro mpiemby aondriko, hanao ty faniriako iaby Ie, hibeko ty amy i Jerosalema Ie hozao: 'Hatsanga ndraiky ie' sady ty amy ty egilizy hozao: 'Engao hamboary fototsinao rey.'"

Chapter 45

¹Zao ro volany Yaveh amy azy voahosony iny, amy kyrosy, ze tandrahako amy ty tanany an-kavana, mba haharesy firenea rey anilany eo, mba hampilavo lefo ty mpanjaka, sady mba hamoha ty varavara alohany eo, mba hijanona hamoha vavahady rey.²"Handeha alohano eo zaho sady hampahity vohitsy rey; ho tapatapahako varavara saba rey sady ho torotoroko bara vy rey, ³sady hameako anao hanana ty haiky rey noho ty hanana tsy hita, mba hafahanao fa Zaho, Yaveh, ro mikaiky anao amy ty anaranao, le Zaho, azy Njanaharin'Israely iny.⁴Laha ty amy i Jakoba mpiasko, noho Israely voatingiko, le nikaiky anao tany ty anaranao Zaho: nanome anao anaram-boninahitsy, ndra le tsy nahay Ahy aza iha. ⁵Zaho ro Yaveh, sady tsy misy hafa; tsy misy Njanahary ankoatsy Ahy. Zao ro ampisikiny anao ho amy ty aly, ndra le tsy nahay Ahy aza iha; ⁶mba hahaizany ty olo zisiky amy ty fiboaha ty masoandro any, ka le zisiky andrefa any, fa tsy misy njanahary ankoatsy Ahy: Zaho ro Yaveh, sady tsy misy hafa.⁷Zaho ro nanao ty mazava sady nahary ty haiky; zao ro manday fiadana sady mahavy loza; Zaho ro Yaveh, ze manao raha iaby zay. ⁸Nareo lanitsy e, engao hanora baka anabo any! Engao ty lanitsy hanora fahamarina. Engao ty tany hitsioky zay, mba hitimoky miarakany amy zay ty famonjea, sady hiara-hitiry amy zay, ro nahary androzy.⁹Loza ho ahy ze iaby mialy amy ze nanao azy rey, amy ze manahaky ty valany tany anivo valany tany hafa rey eo amy ty tany avao! Moa va ty tanimanga mba mivola amy ty mpamboatsy tanimanga hozao: 'Ino amboarinao zao?' ndra 'Tsy mahafehy zay ty asanao?'¹⁰Loza ho ahy ze mivola amy ty raiky hozao: 'Ino aterakinao toy?' ndra amy ty ampela hozao: 'Ino aboakinao toy?'¹¹Zao ro volany Yaveh, azy Ray Masy Israely, Mpihary azy: 'Nanino iha ro mampipetsaky-panontanea ty amy ze anoviko ho ahy ty anako? Mivola amiko ze tokony hanovy mikasiky asa ty tanako rey va iha?'¹²Zaho ro nanao ty tany sady nahary ty olo tany zay eo. Ty tanako ro namelatsy ty lanitsy, sady Zaho ro nibeko ty basia iaby mba hipotsy.¹³Zaho ro nanenta an'i Kyprosany tany ty fahamarina, sady zaho ro hanalama ty lalany iaby. Ie ro hampitsanga ty tanàko; ie ro hampoly oloko rey sesintany, sady tsy misy viliny ndra kolikoly," hoy Yaveh tompo ty lako.¹⁴Zao ro volany Yaveh: "Ty filira-jala Egipta noho ty entam-barotsy i Etio-pia mbamy Sabeana ret, ze olo lava ranjo, le handesy aminao eo. Ho anao rey. Hanarakany anao rey, handeha miarakany amy ty gadra vy. Handohaliky aminao rey eo ka le hifoha aminao hanao hozao: 'Miaraky aminao tokoa Njanahary, sady tsy misy hafa ankoatsy Azy.'" ¹⁵Marina vatany fa Iha ro Njanahary ze mamony ty vatanao, Njanaharin'Israely, Mpanarombaky.¹⁶Hiara-menatsy noho ho afa-baraka iaby rey; ze manao sampy voasokitsy rey le handeha amy ty fahafaham-baraka. ¹⁷Fa ho avota Yaveh amy ty famonjea zisiky farany Israely; tsy ho menatsy ndra ho afa-baraka sasy iha.¹⁸Zao ro volany Yaveh, ze nahary ty lanitsy, azy Njanahary marina ze nahary ty tany noho nanao zay iny, ze nanory zay. Ie ro nahary zay, tsy manahaky ty fakofako, fa nanovy mba ho azo hipetsaha: "Zaho ro Yaveh, sady tsy misy hafa.¹⁹Tsy nivola milamy, tany ty toera mivony any Zaho; tsy mba nivola tany ty tariha i Jakoba Zaho hozao: 'Ilaohantany Zaho!' Zaho ro Yaveh, ze mivola marina; raha marina ro ambarako.²⁰Avorio ty vatanareo ka le avia! Miaraha-mivory, nareo mpiala-ponena baka amy firenea rey any! Tsy mba manam-pahaiza, ze manday sary voasokitsy rey noho mivavaky amy ty njanahary ze tsy afaky-mamonjy.¹Tamy andro i Hezekia rey le narary maré fa mariny ho maty eo. Ka le niavy taminy eo Isaia anakilahy i Amoza, azy to-resaky iny, sady nanao taminy h.ozao: "Zao rovolany Yaveh: 'Alamino ty tsanonao; fa ho maty iha, fa tsy ho veli.'" ²Le naodiky ty tarehiny nana amy ty rindry any i Hezekia sady nivavaky tany Yaveh. ³Hoy ie: "Mba tiarovo lahy Yaveh e, ty nandehanako am-pitokisa tany ty foko iaby tanilanao eo, noho ty nananovako ty soa tamasonao eo." Le nitany maré i ezeikia bakeo.²²Mimpolia amiko sady engao ho voasarombaky, fara ty tany iaby e, fa Zaho ro Njanahary sady tsy misy ankoatsy Ahy. ²³Miafanta amy ty vatako Zaho, mivola ty lalà marinako, sady tsy hihemotsy zay: 'Amiko ro hitolefiky ty ongotsy iaby, sady hifanta ty lela iaby.'²⁴Hivola ty Amikondrozy hozao: "Amy Yaveh ao rey avao ty famonjea noho ty hery." Ho menatsy iaby ze meloky aminy rey. ²⁵Amy Yaveh ao ro hanamarina ty tariha Israely iaby; aminy ao ro hirengerengean-drozy.

Chapter 46

¹Mandohaliky i Bela, miondriky i Nebo; sampan-drozy rey ro andesy ty biby fihary noho biby folahy. Sampy ze andesinareo rey ke enta-mavesatsy rey ho zhy ty biby reraky. ²Miara-miondriky ndrzozy, miara-mandohaliky; ka le tsy mahasarombaky ty entany, sady ndrozy ro fa lasan-ko gadra. ³Janjino zaho, tariha i Jakoba e, tarihan'Israely sisa iaby, ze fa nandesiko aloha ty fahaterahanareo, fa nibabeko zisiky an-dabosiko ao. ⁴Eka ndra le amy ty taom-pahateranareo aza, le tsy mipva Zaho, sady mandra-paha foty ty volonareo le handay anareo Zaho. Nahary anareo Zaho ka le hitsotso anareo; handay anareo Zaho sady hanavotsy anareo. ⁵Amin'ia ro hampitovizinareo Ahy? Ia ro dinihinao fa mitovy amiko, ka le azo ampitovizy zahay? ⁶Nandraraky volamens baka anay kitapo ao ty olo lako sady nandanja zay tamy ty mitovy eo. Mampikarama zay ho Njanahary ie, mandohaliky noho manompo zay ndrozy. ⁷Mampiakatsy za an-tsorony eo ndrozy ka le manday zay, mampipetsaky zay amy ty toerany eo zay sady tsy mihetsiky eo. Mitoreo amy zay ndrozy, nefa tsy afaky mamaly ndra mamonjy ndra ia ndra ia amy ty lozany zay. ⁸Diniho ty mikasiky raha rey; ka asia dikany rey, mpiharo e! ⁹Diniho ty mikasiky raha vo tsy ela rey, tamy ty fitoa lasa, fa Zaho ro Njanahary, sady tsy misy hafa, Zaho ro Njanahary, sady tsy misy ndra ia ndra ia mitovy amiko. ¹⁰Ambarako amy velohany any ty fiafarà, sady aloha ze mbo tsy niseho; Zaho manao hozao: "Ho tanteraky ty fikasako, sady hanao manahaky ze faniriako Zaho." ¹¹Kaihiko baka antinana any ty voro mpiriorio, sady ty olo voatingy baka amy ty tany lavitsy any; eka, fa nivolaniko; ka le ho tanterahiko; fa nameako, ka le hanoviko avao koa zay. ¹²Mijanjanjy Ahy, nareo olo lako mahery rey hatoka, ze lavitsy ty fananova ty mahity. ¹³Mampanariny ty fahamarinako Zaho; tsy lavitsy zay, sady tsy mandiny ty famonjeako; sady hanome ty famonjea ho an'i Ziona noho ty hasoako ho an'Israely Zaho.

Chapter 47

¹Mijotsoa ka le mipetsaha amy ty lemboky eo, anak'ampela kelikely i Babylona; mipetsaha amy ty tany tsy misy fipetsaha eo, anak'ampela ty Kaldeana. Tsy ho kaihy hoe kanto noho makemy sasy nareo. ²Rambeso ty fikosoham-bary ka le mandisa vary; alao ty voalinareo, alao ty akanjo lavanareo, aboridano ty tombonareo, ka le manapaha ty renirano. ³Hiboaky ty fitanjahanareo, eka, ty henatsinareo le ho hita: hamaly faty Zaho sady tsy hamalo fo amin'olo. ⁴Ty Mpanavotsy antsika, Yaveh tompo tyblako ro anarany, azy Raiky Masy ty Israely iny. ⁵Mipetsaky amy ty milamy sady mandehana amy ty maiky any, anak'ampela ty Kaldeana; fa nareo ro tsy ho kaihy hoe mpanjakan'ampela ty fanjaka sasy. ⁶Neloky tamy ty olo lakoko Zaho; nandototy lovako Zaho sady nanome rey ho an-tananareo rey, nefa tsy nanoro zioga mavesatsy tamy ty antitsy nareo. ⁷Hoy nareo hozao: "Hanapaky zisiky farany manahaky ty fanjaka ty mpanjakan'ampela zaho." Tsy nandramby raha rey tamy ty fo nareo, ndra nibeivitsy ze fivalihany. ⁸Ka le janjino aamy zao, nareo ze tea fahafinareta noho mipetsaky am-pilamina; nareo ze manao anakam-pao hozao: "Misy zaho, sady tsy misy manahaky ahy; tsy ho mananom-bata mihitsy zaho, ndra hiay ty fahatsoaboan-janaky mihitsy." ⁹Fa raha roe reto roho avy tampoky aminareo anay ty bdraiky andro ao: ho avy aminareo amy ty fahatsiky ty hery ty fahatsoboan-janaky noho ty tsy fanam-balia sasy, ndra le eo aza ty famosavianareo noho fandraikiraikenareo rey sady aolinareo rey. ¹⁰Nahatoky ty haratianareo nareo; hoy nareo hozao: "Tsy misy mshits ahy"; ty fahendreanao noho ty fahaizanareo ro mitarijy anareo amy ty lala diso any, fa hoy nareo manao am-po hozao: "Misyaho sady tsy misy ndra ia ndra ia mitovy amiko." ¹¹Handresy anareo ty loza; tsy hahavita handrakotsy zay nareo noho ty fandrafampitihanareo. Ho aminareo ao ty fahatoroe; tsy hahavita hamafa zay nareo. Hamango tampoky anareo ty loza, aloha ty hahaizanareo zay. ¹²Mahareta amy ty fananovanareo fanozona noho ty famosavianareo ze nanovinareo tdianjery tam-patokisa zisiky amy ty naha aja anareo; mety homety nareo, mety hatahotsy loza nareo. ¹³Reraky nareo noho ty fangalan-kevitsy; engao hitsanga olo rey ka le hiaro anareo_ze miandradra tyblanitsy noho manenty ty basia rey, ze nanambara vola vaovao rey_engao ndrozy hamonjy anareo amy ze hiseho aminareo. ¹⁴Ingo, hanjary papion ndrozy. Handoro androzy ty afo. Tsy hahasarombaky ty ainy an-tana ty lelan'afon-drozy eo. Tsy hist bongana'afon hanafana androzy sady tsy hipetsaky anila ty afo ndrozy! ¹⁵Zao ro fa nahavy androzy ho aminareo, ze fa niara-niasa taminareo rey, sady niara-nivily noho niara-namarotsy taminareo tamy ie mbo manao ty hadalany avao; sady nnefa mikaiky hazo lava anareo, le tsy hisy ndra ia ndra ia afaky hamonjy anareo."

Chapter 48

¹Mijan'ny zao, tariha i Jakoba, ze nikaihe tany ty anara ty Israely, sady ze baka amy ty ranon'ay i Joda; iha ze mifanta amy ty anara Yaveh noho mangataky ty Njanahary ty Israely, nefa tsy fantsoaram-po ndra fomba marina. ²Fa mikaiky ty vatany ho olo lako ty tanà masy ndrozy sady matoky an-Janahary ty Israely. Yaveh Tompo ty lako ro anarany. ³Fa voavolako ty raha tsmy ty fa ela; naloaky ty vavako ndrozy, sady nampalaza androzy Zaho; Sady tampoky ro nanovako androzy sady niavy mba handalo androzy. ⁴Safe nahay Zaho fa beloha iha, ty hozatsy ty hatoko le mahahaky ty vy, sady ty handry ke manahaky ty saba. Ka le nambarako taminao aloha raha zay, ⁵aloha ty iboaha zay le fa nampivola anao Zaho, ka le tsy tokony hivola iha hozao: 'ty sampiko ro fa nanao androzy,' ndra 'ty sri-sokitsy noho srin-drahako mitily ro nibeko raha zay. ⁶Fa naharé raha zay iha; Hentoe ty porofo raha zay, sady iha, tsy hanenky va iha fa ze voalazako ro marina? Manomboky zao, mampitoroa anao raha-vaovao Zaho, raha tsy hita ze tsy mbo hainao. ⁷Vo zao, sady tsy tany ty taloha eo, safe niavy ndrozy, sady taloha ty androny le tsy mbo naharé ty mikasiky androzy iha, ka le tsy afaky ty hivola iha hoe, 'Eka, zaho mahay androzy. ⁸Tsy mbo naharé mihitsy iha; tsy nahay iha; raha zay le tsy nanovy ho ahy ty sofinao aloha. Fa haiko fa iha ro tena mpamitaky, sady fa mpiharo zisiky an-tsaratso any. ⁹Fa noho ty anarako le leferiko ty helokiko, sady noho ty voninahitsiko ro hisalasalako ty amy ty fandravà anao. ¹⁰Ingo, voadiko iha, nefa tsy hanahaky ty volafoty; fa nanalio anao tany ty laforo ty fijalea Zaho. ¹¹Noho ty vatako, eka noho ty vatako ro hananovako zay; fa nanino ro anengako ty anarako ho fanala-baraka? Tsy hameako olo-hafa ty voninahitsiko. ¹²Mijan'jina ahy, Jakoba, noho Israely, ze nikaihiko: Zao ro ie; Zahi ro velohany, sady Zaho avao koa ro carany. ¹³Eka, ty tanako mampipetsaky ty fanamboara amy ty tany eo, sady ty tana ty olo marina hovelary amy ty lanitsy; Lafa mikaiky androzy Zaho, le miara-mitsanga ndrozy. ¹⁴Mivoria nareo, nareo iaby, sady mijanjina! Ia taminareo eo ro fa nanambara raha zay? Ze tea Yaveh ro hanatanteraha ty tan'jony hanohitsy an'i Babylona. Hanatanteraky ze tea Yaveh hanohera Kaldeana rey. ¹⁵Zaho, fa nivola zaho, eka, fa nampikaiky azy Zaho, fannday azy Zaho, sady homety ie. ¹⁶Mamonjea anilako eto, mijanjina zao: Zisiky amy velohany ro fa tsy nivolanako tany ty amy sisiny; lafa miboaky zay, le eto Zaho." Amy zao Yaveh Tompo ty lako ro naniraky ahy, sady ty Fanahiny. ¹⁷Zao ro nambara Yaveh, mpanarombaky anao, azy Toka Masy Israely iny: "Zaho ro Yaveh Njanahariko, ze mampianatsy anao homety, ze mitariky anao amy ty lala ze tokony andehananao. ¹⁸Laha mba fa nankato ty liliko iha! Le fiadananao noho fanambinanao ro firotsaha manahaky ty renirano, sady ty famonjeanao le manahaky onjan-driaky rey. ¹⁹Tsy ho hita hisaky manahaky ty fasyky tarihanao rey, sady ty ana aboaky ty sarotsonao hitovy hisaky manahaky ty ho sombim-pasiky; ty anaran-drozy le tsy jo tapaky ndra ho rava baka alohako eo. ²⁰Miboaha hiala Babylona any! Milaisa Kaledana rey! Ambarao amy ty feo hitsivotsy zay! Anovo malaza zay, aelezo zisiky am-parany any ty tany zay! Volano hozao: 'Fa nanavotsy an'i Jakoba mpiasany Yaveh, ²¹Tsy nangetaheta ndrozy laha nandesiny tambaliky any; nampirotsaky ty rano baka tany ty lafiam-bato ho androzy ie; nampitsesaky ty lafiam-bato ie, sady niboiboiky rano rey. ²²Tsy misy fiadana ho ahy ty raty fanahy-hoy Yaveh. "

Chapter 49

¹Mijanina ahy, iha tany! Amy zao diniho zaho, nareo olo lako lavitsy. Fa nikaiky Yaveh zisiky amy ty niterahako tany ty anarako zaho, lafa nanday ahy hoe an-tany ty reniko eto. ²Nanoviny manahaky ty meso-bey maranitsy ty vavako; navoniny tany ty aloky ty tanany ao zaho; nanoviny manahaky ty ana-kititsy voalangolango zaho; tantsano ty ana-kititsy ao ro namoniany ahy. ³Nivola tamiko ie hozao: "Iha ro mpiasako, Israely, ze hanoroako ty voninahitsiko." ⁴Fa namaly zaho hozao: "Laha nidiniky zaho hoe niasa tam-pikirizam le nandany ty heriko tany ty raha-avao zaho, fa amy Yaveh ao ty rariny ze ahy, sady ty valy ty asako ro amin-Janahariko ao. ⁵Amy zao Yaveh le mivola. Ie azy namoro ahy zisiky amy ty niterahako any ho mpiasany, mba hampimpoly amy ty velohany ndraiky an'i Jakoba ho azy vatany, ka le ameam-boninahitsy amaso Yaveh eo zaho, sady lasa heriko ty Njanahariko. ⁶sady hoy Ie: "Raha kelikely aminao ty ho mpiasako ze hamboatsy ndraiky ty foko i Jakoba sady hampimpolu sisa tsy maty amy ty Israely rey. Hanao ho fazava anao amy ty Jentilisa Zaho, iha ze mety ho famonjeako am-parany ty tany any." ⁷Zao ro volany Yaveh, mpanarombaky ty Israely, azy Masy Raiky iny, amy ty raiky ze mana fifanta voatsinotsino, hala firehea rey, sady andevo mpanapaky rey hozao: "Ho hita ty mpanjaka iha sady hitsanga, Sady hahita anao mpanjaka rey ka le handohaliky, noho Yaveh ze matoky, ndra le ty Raiky Masy Israely, ze nitingy anao aza." ⁸Zao ro volany Yaveh: "Amy ty fotoa ze hanapahako hevitsy hanoroako ty fankasitsaha le hamaly anao Zaho, sady amy ty andro ty famonjea le hanampy anao Zaho; hiaro anao Zaho, sady hanome anao manahaky ty fanenkea ho ahy ty olo alko, mba hampitsanga ndraiky ty tany, mba hanondro bdraiky ty lova fa ela. ⁹Mivola amy gdra rey iha hozao: 'Mamonjea,' ze anay ty tsano maiky ao rey hozao: "Atoro ty vatanareo". Hihina amy ty lala ndrozy rey eny, sady hantsa mihalihaly rey iaby le ho akata ho androzy. ¹⁰Tsy ho mosary ndra hangetaheta; ndra hafana bey ndra ho vangoa ty masoandro ndrozy, fa Ie ze mana famalozam-po amin-drozy ro hitarijy androzy; hitandraha androzy ho amy lohanareo any ie. ¹¹Le hanao vohitsiko rey iaby ho lala Zaho, sady hanao lala-bevata rey hisondrotsy. ¹²Ingo, ho avy baka amy ty lavitsy any ndrozy, ty ilany baka amy ty avaratsy any noho ty antinana any; sady ilany baka amy ty tahy ty Sinima any. ¹³Mihirà, lanitsy, sady mifalea, tany; mivakia amy ty fihira, nareo vohitsy! Fa mampahery ty olony Njanahary, sady hana fangoraham-po amy malahelo rey. ¹⁴Fa i Ziona nivola hozao: "Nahafoy ahy Yaveh, sady nanalino ahy ty Tompo." ¹⁵Moa va ty reny hahavita hanalino ty anany, ze minono an-tsatsany eo, ka le tsy hana fangoraham-po amy ty anakilahiny ze naterany? mety hanalino ie, fa Zaho tsy mba hanalino anao. ¹⁶Ingo, fa vitako tampô am-pelatanako eo ty anaranao. alohako eo avao ty valanao. ¹⁷Ty ananareo le mandeha malaky afara ao, laha mbo miala aminao ze mpandrava anao rey. ¹⁸Hentao ty miodidy ka le manantea, mivory miodidy anao ie iaby sady mamonjy anao. Laha mbo miay vatany Zaho_zay ro fanambara Yaveh_Hisalotsy manahaky ty firavaky rey vatany iha, sady hisalotsy androzy manahaky ty ampiakary iha. ¹⁹Fa tsobo noho ela iha, tany ze rava, amy zao ro ho kelikely bibiky iha amy olo iaby rey, sady ze nihina anao rey le hiala lavitsy. ²⁰Ty aja ze ho teraky anay ty fotoa ty alahelonao le hibisibisiky antsofinao eo hozao: "Maifitsy maré ho ahy nay ty toera, mananova efitsy ho ahy nay, mba ahafahanay mipetsaky eto." ²¹Le hanontany tena iha hozao: "Ia ro niteraky aja reto ho ahy? Fa tay miteraky noho nalahelo zaho, sesintany sady nisaram-panambalia. Ia ro nampitsanga aja reto? Ingo, nengà raiky vatany zaho; baka aia ro niavia zay?" ²²Zao ro nivola Yaveh Tompo hozao: "Ingo, hanondrotsy ty tanako amy firenea rey Zaho, hanondrosy ty fanevako amy olo lako rey Zaho. Handay anakilahinao rey an-tsandriny eo noho anak'ampelanao rey an-tsorony eo ndrozy. ²³Ty mpnjaka ro ho raiky mpameoo anao, sady mpnjak'ampelany rey ro ho mpifehy anao; handohaliky miaraky amy ty tarehiny amy ty tany aminao ndrozy sady hamafa ty lemboky an-tombonao eo; sady ho hainao fa Zaho ro Yaveh; ze nandiny ahy rey le tsy ho menatdy." ²⁴Moa va afakyv ala amy mpialy voasambotsy rey? ndra gadra ho voavonjy amy ty mahery rey? ²⁵Fa zao ro volany Yaveh: "Eka, hala amy ty mpialy gadra rey, sady ho voavonjy voasambotsy rey; fa hanohitsy fahavalonao rey Zaho sady hanavotsy anakinao rey. ²⁶Ho fahanako nofotsy ty vatany mpampijaly anao rey; sady ho mamo ty lio ty vatany ndrozy, manahaky ty hoe raha divay zay. Le ho hay ty olombelo iaby fa Zaho, Yaveh, ro Mpamonjy noho Mpanavotsy anareo, azy Raiky Mahery i Jakoba iny."

Chapter 50

¹Zao ro volany Yaveh: "Aia ty fanamariham-pisarahana ze nisarahako tany ty reninareo? Ia tany mpanambotsy Ahy rey ro namarotako anareo? Ingo, navily nareo noho fahotanareo rey, sady noho fiharoanareo rey, le nalefa nandeha ty renirano.²Nanino Zaho ro avy nefa tsy nisy olo tany? Nanino Zaho ro nikaiky nefa tsy nisy namaly? Moa boribory maré ty tanako mba hanavotsy anareo? Moa va tsy nanan-kery Zaho mba hamonjy anareo? Ingo, amy ty fivolanako maré ro andritako ty riaky; hanao renirano rey ho efitsy Zaho; maty ty tsy fisian-drano noho hetaheta ty hazan-dranony.³ampisikiniko haike ty lanitsy, siky fisaona ro anarako zay."⁴Ty Tompo Yaveh ro fa nanome ahy lela manahaky ze fa nampianary rey, mba hivolanako safa mampahery ho ahy ty vozaky; mamoha ahy isaky-maray Ie; mamoha ty sofiko mba hijanjy manahaky fa nampianary rey Ie.⁵Fa namoha ty sofiko Yaveh, ka le tsy mba niharo Zaho, ndra niodiky nana afara any.⁶Nameako ho ahy ze namango ahy rey ty lambosiko, sady ty tarehiko ho ahy ze nanombotsy ty volom-bavako rey; tsy namony ty tarehiko tany fihetsiky nahamenatsy noho nampangoritsy rey zaho.⁷Fa ty Tompo Yaveh ro hanampy ahy; laha zay le tsy ho afa-baraka zaho; ka le fa nanao ty tarehiko ho afovato zaho, safe haiko fa tsy halà baraka zaho.⁸Ie ze hanamarina ahy ke anilako eo. Ia ro hanohitsy ahy? Ndao tsika hitsanga ka le hifanatsiky. Ia ro mpahazo ahy? engao ie hanariny ahy.⁹Ingo, ty Tompo Yaveh ro hanampy ahy. Ia ro hanameloky ahy? Ingo, ie iaby rey ho tataky manahaky ty siky, ty kalalao ro hihina androzy.¹⁰Ia aminareo ro matahotsy an'Yaveh? Ia ro manenky ty feo ty mpiasany? Ia ro mandeha amy ty haiky laliky tsy misy fanilo? Tokony hatoky amy ty anara Yaveh ie ka le hianky amin-Janahariny.¹¹Ingo, nareo iaby ze mampirehity afo; ze mivatsy fanilo; mandehana amy ty hazava ty afonareo noho amy ty afo ze fa narehitsinareo noho amy ty afo ze fa narehitsinareo. Zay ro fa nirambesinareo baka amiko, le hiroroanareo amy ty toera ty faharary eny.

Chapter 51

¹Mijanjinina Ahy, nareo ze manoriky ty fahamarina, nareo ze mila an'Yaveh: henteo ty lafiam-bato ze nangalà anareo noho ty fihalam-bato ze nangalà anareo.²Henteo Abrahama, babanareo, noho Sahara, ze niteraky anareo; fa tany ie mbo raiky, le nikaiky azy Zaho. Nitahy azy Zaho sady naha-lako azy.³Eka, Yaveh ro hampieny an'i Ziona; hampieny toerany banga rey Ie; ty tany efiny nanoviny manahaky an'i Edena, ty tany karakainany anila ty Renirano Loham-baibo i Jordana eo hanahaky ty zariday Yaveh; faha-faleafalea noho fifalea ro hita aminy ao, fisaora, sady feo ty fihira.⁴"mifantoha amiko, olo lakoko; sady mijanjina Ahy olo lakoko! Fa hampiboaky lily Zaho, sady hanoviko ho fahazava ho ahy ty firenea iaby ty fahamarinako.⁵ Anila ty fahamarinako; hiboaky ty famonjeako, sady ty sandriko ro hitsara firenea rey; tany amoron-tsiraky rey le handiny Ahy; fa ty sandriko ro andinasan-drozy maré.⁶Andrandrao amy ty lanitsy eny ty masonareo, sady manahaky ty setsoky ty lanitsy, ty tany ho voritsy manahaky ty salotsy, sady ty olo amy zay eo ho maty manahaky ty lanitsy. Fa ty famonjeako ro haharitsy zisiky farany, sady ty fahamarinako le tsy hijano hiasa.⁷Mijanjinina Ahy, nareo ze mahay ty marina, nareo olo lako ze mana ty lalako am-ponareo ao: "Ka matahotsy ty fandratia ty olo ndra kivy amy ty fanararaotany.⁸Fa ty kalalao hihina androzy manahaky ty salotsy, sady ty soko hihina androzy manahaky ty volon'aondry; fa ho zisiky farany ty fahamarinako, sady ho ahy ty tariha iaby ty famonjeako."⁹Mifohaza, mifohaza, ampisikino hery ty vatanareo, le ty sandry Yaveh. Mifohaza manahaky ty tany ty andro fa ela, ty tariha tany ty fotoa fa ela. Tsy iha va ro nanitsakitsaky an-dRahaba, iha ze nandrava dragona iny? ¹⁰Tsy Iha va ro nandritsa ty riaky, ty rano laliky bibiky, sady manao ty fitahia ty roaky ho lalam-pamonjea mba handalova?¹¹Ty navota Yaveh le himpoly sady hana Ziona any amy ty hiakiam-piravoa noho ampifalea zisiky farany amy ty lohan-drozy eo; sady ty fifalea noho faharavao hanatsiky androzy, ka le hilay androzy ty alahelo noho ty fisaona.¹²"Zaho le Zaho ro azy mpampieny anao iny. Ino ro hatahoranao ty olo, ze ho maty, ty anak'olombelo ze nanovy manahaky ty akata?¹³Nanino ro nanalino an'Yaveh ze mpihary anao iha, ze nanampatsy ty lanitsy noho nampipetsaky ty fitahia ty tany? Miay amy ty tahotsy lalandava iha isan'andro noho ty fahasiaha ty heloky ty mpampijaly laha tapa-kevitsy ty handrava ie. Aia ty heloky ty mpampijaly?¹⁴Ze miondriky, ho avy malaky hanafaky Yaveh; tsy ho maty sady tsy handeha hijotso an-davaky any, ndra tsy hana mofo ie. ¹⁵Fa Zaho ro Yaveh Njanaharinao, ze mampanonja ty riaky mba hampiero ty onja zay_ Yaveh Tompo ty lako ro Anarany.¹⁶Fa nametsaky tam-bavanao eo safako rey, sady nanaro anao taky ty aloky ty tanako ao Zaho, mba hafahako mamboatsy ty lanitsy, noho nampipetsaky ty fitahia ty tany, ka le hivola amy ty Ziona hozao: 'Olo lako iha.'¹⁷Mofohaza, mifohaza, mitsangana, Jerosalema, iha ze fa nino tany ty tana Yaveh baka amy ty lovia ty helokiny; iha ze fa nino tany ty lovia, zisiky amy ty faikany ambany eny amy ty kapoaky ty fivembena. ¹⁸Tsy misy tany anakilahiny iaby ze naterakiny rey mba hitariky azy; tsy misy tany anakilahiny ze natsangany rey mba hitandraky azy.¹⁹Mitsangana aminao raha mahazo anao roe rey_ ia ro halahelo hiaraky aminao? _ faharava nohp fandrava, sady ty mosary noho ty meso-bey. Ia ro hampieny anao? ²⁰Fa vozaky anakilahinao rey; lavo amy sisin-dalam-bey eny iaby ndrozy, manahaky ty diera anaty harato ao; manatsiky androzy ty halaginy Yaveh, ty safa maherin-Janaharinao.²¹Fa amy zao janjino zao, iha ze nampijalea noho nimamoa, nefa tsy mamon-divay: ²²Yaveh Tomponao, Njanaharinao, ze mandahatsy ty manjo ty olony, mivola hozao: "Ingo, fa nalako tan-tananao eo ty kapoaky ty fivembena_ ty lovia, ze kapoaky ty helokiko_ mba tsy hinomanao zay sasy.²³Hanoviko an-tana ty mpania anao eo zay, ze fa nivola taminao hozao: "Mitsilany mba hafahanay manitsakitsaky anao'; nanovinao hanahaky ty tany noho hanahaky ty lala handehanan-drozy ty lambosinao.

Chapter 52

¹Mifohaza, mifohaza, ampisikino ty herinao, Ziona; ampisikino salotsinao soa tarehy rey, Jerosalema, tanà masy; fa tsy hilitry aminareo sasy ty tsy voafara ndra ty maloto.²Ahintsanao ty lemboky amy ty vatanareo; miarena sady mipetsaha, Jerosalema; alao ty rojo vy am-bozona eo, anak'ampela i ziona gadra.³Fa zao rovola Yaveh hozao: "Navily amy zao avao nareo, sady ho vonjé amy zao avao."⁴Ra zao ro ambara ty Tompo Yaveh: "Tamy velohany any ty oloko le nandeha nijotso nana Egypta any mba hipetsaky anay tu fotoa voafetsy; fa nampijalia i Asyria vo tsy ela ndrozy.⁵Amy zao ino ro hananako eto--- zay ro fanambara Yaveh---hita fa nala tamy ty tsy dikany ty oloko? Mandratiraty ze manapaky amin-drozy eo---zay ro fanambara Yaveh---sady voaendrikendriky avao ty anarako andro raiky.⁶Laha zay ty oloko le hahay ty anarako; ho hain-drozy amy andro zay fa Zaho azy mibola hozao iny: "Eka, Zaho zay!"⁷Hentao ty hasoa ty tombo mpanday hafatsy rey ambohity eny ze manday vaovao soa, ze manambara fiadana, ze manday safa soa mahafaly, ze manambara famonjea, ze mivola amy i Ziona hozao: "Manjaka ty Njanaharinao!"⁸Janjino, manandrasy ty feony mpiembinao rey, miara-mikoraky fifalea ndrozy, safe hahita ty fimpolia Yaveh amy Ziona any ndrozy, ty mason-drozy iaby.⁹Miaraha mihoby hiram-pifalea, nareo rava i Jerosalema; fa Yaveh le fa nampahery ty olony; fa nanavotsy an'i Jerosalema Ie.¹⁰Fa nampitro ty sandriny masy tamaso ty firenea iaby eo Yaveh; hahita ty famonjea ty Njanaharintsika ty tany iaby.¹¹Mialà, mialà, miboaha eto; ka mikasiky raha maloto; mialà anivony eto; liovo ty vatanareo, nareo ze manday ty enta Yaveh.¹²Fa tsy tampomy to hiboahanareo, ndra tahotsy ro hialanareo; safe Yaveh ro handeha aloha nareo; sady azy Njanahary Israely iny ro ho afara lalanareo.¹³Ingo, hiasa am-pahendrea ty mpiasako; ho anabo noho hisondrotsy ie, sady ho abo bibike.¹⁴Fa hanahaky ty nitseraha ty lako taminao--- le simba maré tsy nanahaky ty ahin'olombelo ty tarehiny, sady tsy hits manahaky ty olombelo sasy ty endrikiny.¹⁵Ndra le zay aza, handraraky firenea lako ty mpiasako sady hampikombo ty vavany laha ndrozy mpanjaka. Fa ze tsy mbo nivolany androzy, le ho hitan-drozy, sady ze tsy mbo ren-drozy, le ho azon-drozy.

Chapter 53

¹Ia ro nino ze reny baka aminay, sady tamin'ia ro nampitroa ty sandry Yaveh? ²Fa nitombo manahaky ty anakazo maliniky tanila Yaveh eo ie, sady manahaky ty tsikoky baka amy ty tany karakaraina ao; tsy nana hasoa-tarehy mahatsinjo ndra famirapirata ie; lafa nahita azy tsika, le tsy nisy hasoa maninto antsika teny. ³Ie ro tsy nasia dikany sady tsy nenke ty olo; olo ty alahelo, sady zatsy fijalea. Manahaky azy raiky ze hamonia ty olo ty tarehiny, nanovy tsy dikany ie; sady anovintsika manahaky ty tsy misy dikany. ⁴Nefa nanday ty aretintsika vatany ie sady nizaka ty alahelontsika; fa nihevitsy tsika hoe nisazian-Janahary ie, nasian-Janahary, sady nampijalea. ⁵Fa narava noho asa fiharoantsika rey ie; toro noho otantsika rey ie. Ty sazy ty fiadanantsika le taminy eo, sady tamy ratsany rey ro nahafaky antsika. ⁶Tsika iaby le hanahaky ty aondry ze nandeha tamy ty lalan-diso; samby nandeha tamy ty lalany iaby tsika, sady Yaveh nampipetsaky ty fahotantdika iaby taminy eo. ⁷Nampijalie ie; nefa lafa nampijotso vata ie, le tsy namoha ty vavany; tsy namoha ty vavany manahaky ty anak'aondry ze tarihy ho amy ty famonjea any; noho nanahaky ty aondry ze tsy mivola aloha ty mpanety azy ie. ⁸Tamy ty fanindritindria noho fitsara ro nahazo azy; ia amy tariha io ro mbo mieritseritsy ty mikasiky azy? Fa narava tamy ty tany ty velo ie; noho fandikandalà ty oloko rey le nanovy taminy eo ty fanasazia. ⁹Nanovin-drozy niaraky tamy malaso rey ty lolony, niaraky tamy lahilahy manan-kanana ty fahafatesany, ndra le tsy nanao heriloha aza ie, ndra nisy fitaky aza tamy soniny eo. ¹⁰Fa sitsapo Yaveh ty hanorotoro azy noho hanao azy ho marary. Lafa nanoviny ho soro ho ahy ty fahota ty ainy, le hahita ty havoza-hany ie, hanalava ty androny ie, sady ty tanjo Yaveh ro ho tanteraky amy ty alalany. ¹¹Afara ty fijaleany tamy ty fiainany eo, le hahita fahazava ie sady ho afa-po amy gy fahalalany. Azy mpiasakomarina iny ro hanamarina ty lako; handay ty helokin-drozy ie. ¹²Laha zay le hanome azy ty anjarany amy lako rey eo zaho, sady hizara gadra rey amy ty lako ie, safe nampibaribary ty vatany tamy ty fahafatesa ie sady nanovy ho hisa mpandika lalà rey. Nanday ty ota ty lako ie sady nanelanela mpandika lalà rey.

Chapter 54

¹"Mihirà, ampela tsy miteraky, nareo ze tsy nitersky; miravoa amy ty hiram-pifalea sady mikoraky maré, nareo ze tsy mba nihetsi-jaza. Fa ty ana ty mpanda vata ro lako maré noho ty ana ty ampela manambaly," hoy Yaveh.

²Anovo bevata vatany ty lainareo sady velaro ty ambain-dainareo, velaro soa; alao ty talinareo sady ampaherezo ty tsato-kazonareo. ³Fa hiparitaky an-kavana noho an-kavia any nareo, sady tarihanareo rey le handresy firenea rey sady hipetsaky amy tanà lao rey. ⁴Ka matahotsy fa tsy ho menatsy nareo, ndra kivy fa tsy ho afa-baraka nareo; hanalio ty henatsy ty hatanoranareo noho ty fanala-baraka ty fiala anareo nareo. ⁵Fa azy Mpihary anareo iny ro valinareo; Yaveh tompo ty lako ro Anarany. Azy Raiky Masin'Israely iny ro Mpanavotsy anareo; Ie ro kaihy hoe Njanahary ty tany iaby. ⁶Fa Yaveh fa nampimpoly nikaiky anareo hanahaky ty valy ze nengà noho malahelo ampanahy, manahaky ty ampela nanambaly tanora sady naria," hoy ty Njanaharinareo. ⁷"Fa nanary anareo anay ty fotoa tsy ampy Zaho, fa amy ty fangoraha bevata ro hamoriako anareo. ⁸Tsy ela tsy ela avao ro namoniako ty tarehiko taminareo tany ty tondra-dronono ty heloky; fa amy ty fanenkea matoky tsy misy farany ro hangorahako anareo—hoy Yaveh, azy raiky ze manavotsy anareo iny. ⁹Fa zao ro manahaky ty tondra-dronono i Noa Amiko: manahaky ty nifantako fa ty tondra-dronono i Noa le tsy hiala amy ty tahy sasy, ro hifantako fa tsy ho meloky aminareo ndra hivola maré anareo Zaho. ¹⁰Ndra holavo aza vohitsy rey ndra koa hihozongozo aza vohitsy rey, ty fitiavako tsy miova koa le tsy hiodiky aminareo, ndra ty fiadanako matoky ho voahozongozo—hoy Yaveh, ze mamalo fo anareo. ¹¹Nareo mijaly, afotofoto ty talio noh9 tsy mana fampionona, ingo, hanoviko amy ty vatosoa ty rarivatonareo, sady amy ty safira ro hametsahako ty fototsinareo. ¹²Hanoviko robina tilikam-bonareo ret sady amy ty vato mipiriaky ty vavahadinareo, sady ty valanareo ambaliky amy amy ty vato soa tarehy. ¹³Le Yaveh ro hampianatsy ananareo iaby rey; sady ho bevata ty fiadana ananareo rey. ¹⁴Amy ty fahamarina ro hampimpoliako anareo amy ty velohany. Tsy hiay fanenjeha sasy nareo, ka le tsy hatahotsy nareo, sady tsy hisy ndra ino ndra ino mampatahotsy ho avy anilanareo eo. ¹⁵Ingo, laha misy olo mitariky koronta, le tsy baka amiko zay; ndra ia ndra ia mitariky koronta aminareo eo le ho lavo amy ty faharesea. ¹⁶Ingo, fa nahary mpanao asa tana, ze mitsioky ty vain'afo mirehitsy noho mamboatsy koabay-fialia ho asahy Zaho, sady fa nahary ty mpamotiky mba hamotiky Zaho. ¹⁷Tsy misy kobay-fialia ze voaforona hanohitsy anareo haharesy; sady nareo le hanasazy ze iaby mahazo anareo. Zay ro lova mpiasa Yaveh rey, sady ty fanamarihan-drozy baka Amiko—zay ro fanambara Yaveh. "

Chapter 55

¹"Avia, nareo iaby ze mangetaheta, mamonjea amy ty rano eo, sady nareo ze tsy manan-jala, avia, mivilia sady mihinana! Avia, mivilia divay noho ronono rsy andoavan-jala sady tsy misy viliny.²Nanino nareo ro mandanja volafoty ho amy ze tsy mofo, sady nanino nareo ro miasa maré amy ze tsy mahafa-po anareo? Janjino soa Zaho ka le mihinana ze soa, sady amy ty hatavy ro hataveza ty vatanareo.³Ahohirano ty sofinareo sady mamonjea amiko atoy! Mijanjina, le ho velo nareo. Hanao fanenkea zisiky farany aminareo Zaho: ty tokiako, Fitiava mahatoky nampanantena an'i Davida. ⁴Ingo, fa nanoviko amy ty toerany manahaky ty vavolombelo ho ahy firenea rey ie, manahaky ty mpitariky noho mpibeko ho ahy ty olo lako.⁵Ingo, hikaiky ty firenea ze tsy hainareo nareo; sady tsy firenea ze tsy nahay anareo ro hilay ho aminareo any noho Yaveh Njanaharinareo, azy masy Israely iny, ze fa nanome voninahitsy ho ahy nareo."⁶Milà an'Yaveh Ie mbo hita io; mikaiky Azy Ie mbo anilany eo io. Angao hiala amy ty lalany ty raty fanahy, sady ty mpanota hiala amy ty eritseritsiny.⁷ Engao ie himpoly amy Yaveh, le hianky azy Ie, sady ahy Njanaharintsika, ze hanenga tanteraky azy.⁸Fa ty hevitsy tsy fiheveranareo, ndra ty lalanareo ro lalako __zay ro fanambara Yaveh __⁹Fa manahaky ty hahabo ty lanitsy ze abo vatany noho ty tany, ro hahabo ty lalako vatany noho ty lalanareo, sady ty fiheverako mandilatsy noho ty fiheveranareo.¹⁰Fa manahaky ty ora noho ty havandra hilatsaky baka andanitsy eny ka le tsy mimpoly eny laha tsy hoe manatsiky zay sady hanome voa ho ahy ty mpamboly ze mandraraky sady mizara mofo ho ahy ty mpihina, ¹¹ka le ho aloa ty vavako avao koa ty safa: tsy mba himpoly amiko amy ty tsy misy dikany zay, fe zay ro hanantanteraha ze iriko, sady homety ie ho amy ze nalefako any zay.¹²Fa hiboaky am-pifalea nareo sady hotarihy am-piadana; vohitsy noho ty vohitsy rey le ho vaky amy ty koraky am-pifalea anilanareo eo, sady ty hazo ty baibo iaby le hiteha-tana. ¹³Laha tokony ho vala fatiky, le ty kipreso ro hitiry; sady laha tokony fatiky, le hazo rotsy ro hitiry, sady ho an'Yaveh zay, fa ty anarany, manahaky ty fahaiza ze tsy ho tapaky zisiky farany.

Chapter 56

¹Zao ro volany Yaveh: "Embeno ze marina, mananova ze rariny; fa anila ty famonjeako, sady fa hatoro tyfahamarinako. ²Voatahy ty olo ze manao, noho mitandraky maré zay. Ie ke miemby ty Meso-bey, fa tsy mandoto zay, sady mirohy ty tanany amy ty fanovan-dratsy." ³Engao ty hafa firenea ze niavy mpanaraky an'Yaveh tsy hisy hanao hozao: "Hangalaky ahy amy olo lakony ao vatany Yaveh. " Ty tandapa tsy tokony hibola hozao: "Ingo zaho fa hazo maiky." ⁴Fa zao ro volany Yaveh: "Ho ahy tandapa ze miemby Sabatako rey, noho mitingy ty ankasitsahako, sady mitandraky ty fanenkeako, ⁵ho androzy ro hananganako an-tsanoko ao noho anay ty valako ao ty tsangam-bato ze soa vatany noho ty mana-anakilahy noho anak'ampela. Hanome androzy tsangam-bato ela zisiky farany ze tsy ho tapaha mihitsy Zaho. ⁶Hafa firenea ze miaraky amy Yaveh rey avao koa_mba hanompo Azy, sady ze tea ty anara Yaveh rey_mba hanompo Azy, ty olo iaby ze miemby ty Sabata, ze mitandraky amy ty tsy fandotoa zay, sady ze mitandraky ty fanenkeako ⁷le handesiko am-bohitsiko masy any sady hampiravoravoako an-tsano fivavahako ao ndrozy; ty fanomeza oroany noho ty soron-drozy le henkea anabo ty alitarako eo. Fa ty tsanoko hokaihy hoe tsano fivavaha ho ahy ty firenea iaby, ⁸Zay ro fanambara Yaveh Tompo, ze mamory voaroakin'Israely rey_mbo hamory hafa rey ho fanampin-drozy Zaho." ⁹Nareo bibi-li iaby am-baibo any, avia ka le arapaho, nareo bibi-li iaby an'ala any! ¹⁰Mpitiliny iaby rey le jiky, tsy mahatakatsy ancrozy. Alike moa iaby ndrozy ka le tsy afaky miboaky. Manonofy, noho mitsilailay ndrozy sady tea roro. ¹¹Tea-hany vatany alika rey; tsy mety vintsy mihitsy ndrozy; mpiemby aondry tsy mahay manavaky ndrozy; nivio tamy ty lalany iaby ie iaby rey, samby tea tombony maré tsy rariny ty kirai-draiky. ¹²"Avia" hoy ndrozy: "Ndao hino divay noho toaky tsika. Hanahaky ty androany avao ty hamaray, andto bevata maré."

Chapter 57

¹Maty ty marina, nefa tsy misy midiniky zay, sady navoty ty olo ty fanenkea matoky, nefa tsy misy olo mahatakatsy fa avory baka amy ty raty ty marina. ²Militsy amy ty fiadana ao ie; miala vozaky am-pihiroany eo ndrozy, le ze mandeha amy ty fahitany rey. ³Fa mamonjea eto, nareo ana ty mpanandro, ana ty mpaheriloha sady ty ampela ze fa namarotsy ty vatany. ⁴Ia ro mikizaky an-kafalea anareo? Amin'ia ro amohanareo vava noho hiranganareo lela? Moa va tsy ana mpiharo, ana mpamitaky nareo? ⁵Manafana ty vatanareo amy ty fiaraha miroro ambany ty hazo terebinta eo, ambany ty akata-maintso iaby nareo. Nareo ze mamono ty ananareo amy ty renirano maiky eo, ambany ty tsefatsefaky ty vato eo. ⁶Amy kilonjy madoso eo ty reniranon-doham-baibo raha ze nitondroko rey ho ahy nareo. Rey ro antony ty fanomezam-batanareo. Nareo ro mandraraky ty fanomezanareo sotso ho androzy noho manandratsy ty fanomeza vary. Amy raha rey va ro tokony hifaleako? ⁷Nanoma ty firoroanareo tam-bohitsy abo any nareo; niakatsy tany koa nareo mba hanome soro rey. ⁸Tam-boho ty varavara ao noho ty tolam-baravara ro nametsahanareo fahaizanareo rey. Nareo ro nitsoaky niala Ahy, nampihanjaky ty vatanareo, sady niakatsy; nampihanjaky ty firoroanareo. Nanao fanenkea tamin-drozy nareo; nitea ty firoroan-drozy nareo; nahita ty faritsy saro-paliny nareo. ⁹Nana amy i Moleka niaraky tany ty solo-bonio nareo; nampitombo ty raha-manitsy nareo. Nandefa irakinareo lavitsy rey nareo; nijotso tany ty Fiainan-tsy hita any nareo. ¹⁰Vozaky ty lianareo lavitsy nareo, nefa tsy nivola mihintsy nareo hoe: Tsy misy fanantena zay." Nahita fiaina tan-tananareo nareo; laha zay le tsy nihaosa nareo. ¹¹"Ia ro ahinareo? Ia ro atahoranareo maré ka le nahavy anareo hamitaky, ka le tsy nahatiaro ndra nieritseritsy Ahy nareo? Safe tsy nivola fa ela Zaho sady tsy matahotsy Ahy sasy nareo. ¹²Hanambara asa marina anareo rey noho hivola ze fa nanovinareo iaby Zaho, fa tsy hanampy anareo rey. ¹³Lafa mitoreo nareo, engao hamonjy anareo karazan-tsampinareo rey. Laha tokony tsioky ro handay azy iaby rey, le ty imbon'ay ro handay azy iaby. Fa ze mialoky Amiko ro handova ty tany noho hangalaky ho fanana ty vohitsiko masy. ¹⁴Hivola ie hozao: 'Amboaro, amboaro! Savao ty lala! Alao amy ty lala ty olo lakoko eo ty raha mampeloky iaby!" ¹⁵Fa zao ro volany Azy anabo noho abo iny, ze velo zisiky farany, masy ty Anarany; "Zaho le mipetsaky amy ty toera abo noho masy, miaraky aminy koa ty fanahy torotoro noho mampijotso vata, mba hameloma ndraiky ty fanahy ze mampijotso vata rey, sady mba hameloma ndraiky ty fo ze maneny rey. ¹⁶Fa tsy hahazo zisiky farany, ndra ho meloky zisiky farany Zaho, fa ty fanahy ty olo ro vozaky tanilako eo, le ay ze nanoviko rey. ¹⁷Laha ty fahota ty tombony tsy rariny, le meloky Zaho, sady nanafay azy; namony ty tarehiko Zaho sady meloky, nefa nandeha tany ty lala ty fony ie. ¹⁸Fa nahita ty lalany zaho, nefa ho afahako ie. Hitariky azy Zaho sady hampahery noho hampionona ze misaona ho azy rey, ¹⁹sady foroniko ty vokatsy soniny rey. Fiadana, fiadana, ho ahy ze lavitsy any noho ho ahy ze mariny rey_hoy Yaveh_hafahako ndrozy. ²⁰Nefa raty fanahy rey le manahaky ty riaky misavintavonta, ze tsy afaky mijano, sady ty rano zay ro fitaky misavontavonta. ²¹Tsy misy fiadana ho ahy ze raty fanahy rey_hoy Njanahary."

Chapter 58

¹"Mitania maré; ka tandrahy. Asondroto mahahaky ty trompetra ty feonao. Vonjeo amy ty fiharoany ty oloko, sady amy ty fahotany ty longo i Jakoba. ²Nefa mbo mila ahy isan'andro ndrozy sady faly amy ty fahaiza ty lalako, manahaky ty firenea ze nanao ty fahamarina sady tsy nahafoy ty lalà ty Njanaharin-drozy. Mangatakyfitsarà marina amiko ndrozy; faly amy ty fihevera ty fanarinin-Janahary ndtozy. ³Nanino zahay ro nifaly' hoy ndrozy, 'Nefa tsy hitanao zay? Nanino zahay ro nampijotso vata, nefa tsy hainao?' Ingo, amy ty andro ty fifalianareo ro hahitanareo ty fahafinaretanareo manoka sady ampijalenareo ty mpiasanareo iaby. ⁴Ingo, mifaly hany nareo mba hifamaly noho hialy, sady hamango amy ty komondro ty haratianareo; tsy mifaly nareo androany mba ho ré anabo any ty feonareo. ⁵Zay vatany va ro karaza fifalia teako: Andro hampijotsoa ty iaby ty vatany, mbahampiondrehany ty lohany manahaky ty volotara, sady hamelarany siky fisaona noho lavenoky ambaniny ao? Fifalia vatany va ro ikaihanareo zay, andro ifalea Yaveh? ⁶Tsy zao va ro fifalia tinginiko: Ty hanafaka ty famatora ty faharatia, ty hamaha ty taly ty zioga, ty hanafaky torotoro rey, ty hanapaky ty zioga iaby? ⁷Tsy ty hizara ty mofonao amy ty mosary sady handay mijaly rey noho tsy manan-kialofa rey ho an-tsanonao ao va?" Lafa mahita olo miborida iha, le tokony hampisalotsy azy; sady tsy tokony hamony ty vatanao amy longonao rey avao iha. ⁸Le hipoaky mahahaky ty masoandro ty fazavanao, sady hitimoky malaky ty fanafaha anao; handeha alohanao eo ty fahamarinanao, sady ty voninahitsy Yaveh ro ho afara-lalanao. ⁹Le hikaiky iha, sady hamaly Yaveh; hikoraky tamonjea iha, sady hivola ie hozao: "Toy Zaho." Laha alanao hiala aminao ty zioga, ty fanondro mahazo, sady ty lahateny ty haratia, ¹⁰laha manome ho ahy ty mosary iha sady mamoky ty tsa-pahoria; le hiboaky amy ty haiky ao ty fazavanao, sady ty haikinao hanahaky ty amy ty mitataovovona. ¹¹Le hitariky anao lalandava Yaveh ka le hamoky anao amy ty faritany ze tsy misy rano any, sady hanatanjaky ty taolanao Ie. Hanahaky ty baibon-drano iha, sady hanahaky ty loharano, ze tsy mijano zisiky farany ty ranony. ¹²Ty ilany aminareo le hamboatsy ndraiky ty rava fa ela; hampitsanga rava ty tariha lako rey nareo; ho kaihe nareo hozao "mpamboatsy ty vala," "Mpampimpoly ty lala hipetsahany." ¹³Laha anovy hoe mampivio ty tombonao hiala amy ty fananova le amy ty andro Sabata iha, sady hiala amy ty fananova ty fahafinaretanao manoka amy ty androko masy. Laha anovy hoe mikaiky ty Sabata ho sitsaky, sady mikaiky ty raharaha Yaveh ho masy noho manan-kaja iha. Laha anovy hoe manaja ty Sabata amy ty fahafoiza ty raharahanao manoka iha, sady amy ty tsy filà ty fahafinaretanao manoka sady amy ty tsy filazà ty safanao manoka. ¹⁴Le hahita mamy amy Yaveh ao iha; sady hampiondranako ty hahabo ty tany iha; hamoky anao baka amy ty lova i Jakoba babanao Zaho—fa ty vava Yaveh ro nivola."

Chapter 59

¹Ingo, ty tana Yaveh tsy boribory aza ka le tsy hahasarombaky; sady ty sofiny tsy lalodalova, ka le tsy haharé. ²Ty asa ratinareo, nefa, ro nampisaraky anareo amy ty Njanaharinareo, sady ty fahotanareo ro nahavy Azy hamony ty tarehiny aminareo ka le tsy hijanjy nareo. ³Fa tasy ty lio ty tananareo sady ty ratsan-tananareo tasy ty fahota. Mivola vandy ty soninareo sady ty lelanareo mivola amin-kafetsea. ⁴Tsy misy mikaiky ty marina, sady tsy misy mifona amy ty fahamarina. Mitoky amy ty safa avao ndrozy, sady mivolana vandy; vandy ro torotorony sady fahota ro aterakiny. ⁵Mikotsoky atolim-bibilava atsiky poizy ndrozy sady maneno tsanon-kala. Ze iaby mihina ty atoliny le maty, sady laha misy atoly voahitsaky, le foy ho bibilava atsiky poizy zay. ⁶Tsy azo ampiasa hanovy akanjo ty tsanon-kalany, ndra afaky manaro ty vatany ty asany. Asa ty fahota ty asany, sady asa ty heriloha ro antanany eo. ⁷Milay ho amy ty raty any ty tombony, sady milay handatsaky lio tsy manan-tsiny ndrozy. Fandiniha fahota ty fiheviny; heriloha noho fandravà ro lalany. ⁸Ty lala ty fiadana tsy mba hain-drozy, sady tsy misy rariny amy ty lalany eo. Namboatsy lala-meloky ndrozy; ze iaby mandeha amy lala zay le tsy mahita fiadana. ⁹Laha zay le lavitsy anay ty rariny, sady tsy mahatsatsy anay ty fahamarina. Mandiny fahazava zahay, nefa mahita haiky; mila fipiripiriaky zahay, nefa mandeha amy ty haiky. ¹⁰Mitsapatsapa rindry manahaky ty jike zahay, manahaky ze tsy mahita rey. Voafinga amy ty atoandrobenanahary zahay manahaky ty hoe amy ty tajariva; amy ty mahery rey le manahaky ty olo maty zahay. ¹¹Mierotsy manahaky ty bera zahay sady mitolokoloko manahaky ty voro-mahilala; mandiny rariny zahay, fe tsy misy; mandiny fanavota, fe lavitsy anay zay. ¹²Fa alohanao eo ty helokinay, sady ty fahotanay ro mahazo anay; fa ty helokinay ro miaraky aminay, sady hainay ty fahotanay. ¹³Niharo zahay, nandà an'Yaveh sady niala tany ty fanaraha ty Njanaharinay. Nivola fampijalea zahay sady nivio lala, namoro fitoreva baka am-ponay ao noho safa vandy. ¹⁴Nalà tu rariny, sady mitsanga lavitsy le lavitsy ty fahamarina; fa neloky an-kalamanjana eny ty fahamarina, sady tsy ho avy ty maray. ¹⁵Fa lisatsy lavitsy ty fahendream-pitokisa, sady azy raiky ze miala amy ty raty iny ro mahavy ty vatany ho tsa-loza. Hita Yaveh zay sady tsy faly le fa tsy misy ty rariny. ¹⁶Nahita le fa tsy misy olo, safy jilo fa tsy mba misy militsy an-tsehatsy. Laha zay le ty tanany avao ro manday famonjea ho Azy, sady ty fahamarinany ro nanohana Azy. ¹⁷Misalotsy fahamarina ho saron-tsatsa le sady aro-loha famonjea amy ty lohany eo. Nisalotsy akanjo valifaty ie sady nanao ty zotom-po ho aron'akanjo. ¹⁸Nivaleany noho ze vitany ndrozy, le fitsarà atsiky heloky amy ty rafiny, famalea ho ahy ty fahavalony, safy fanasazia ho valim-pitea rsy. ¹⁹Ka le hatahotsy ty anara Yaveh baka andrefa any ndrozy, sady ty voninahiny baka amy ty fiboaha ty masoandro any; fa ho avy manahaky th riaky mamaoky le, ze andesy ty imbon'ay Yaveh. ²⁰"Misy mpanavotsy niavy a-Ziona ao sady amy ze miala amy ty asany atsiky fiharoa rey amy i Jakoba ao---zay ro fanambara Yaveh. ²¹Laha ty amiko, le zao ro fanenkeako amin-drozy---hoy Yaveh---ty fanahiko ze amin-drozy ao, sady ty safako ze napetsako tam-bavanao, le tsy hiala amy ty vavanao, ndra hiala amy ty vava anakinao rey, ndra hiala amy ty vava zafinao rey, ndra hiala amy ty vava zafinao rey---hoy Yaveh---manomboky zao ka le ho zisiky farany."

Chapter 60

¹Mitsangàna, mihazavà; fa avy ty fahazavanao, sady fa nisondrotsy taminao ty voninahitsy Yaveh. ²Fa handrakotsy ty tany ty haiky, sady firenea ty haikim-pito rey; nefa hisondrotsy aminao eo Yaveh, ka le ho hitanao ty voninahitsiny. ³Ho avy amy ty fahazavanao eo firenea rey, sady amy ty tara-pahazavanao eo ze misondrotsy mpanjaka rey. ⁴Manentea miodidy ka le jilovo. Miara-mivory ie iaby ka le avy aminao eo. Ho avy baka lavitsy any anakilahinao rey, sady handesy an-tsandriny eo anak'ampelanao rey. ⁵Le hanenty iha ka le ho falifaly, sady tokony hifaly noho ho safotsy ty fono, safe haroraky aminao ty halakoa ty riaky, ho avy aminao ty hanana firenea rey. ⁶Handrakotsy anao rameva lako rey, le rameva tanora rey Mijotso any noho Efaha; iaby rey le ho avy a-Sheba any iaby; handay volamena noho lintan-kazo manitsy rey, sadg hihira fanompoa an'Yaveh. ⁷Aondry noho aosy i Kedara iaby rey havory aminao eo, aondry lahy i Nebaiota rey le hety amy ze ilanao; ho fanomeza ankasitsahy amy ty alitarako rey eo; sady hameako voninahitsy ty tsanoko bey voninahitsy. ⁸Ia moa mijotso manahaky ty raho rey, noho manahaky ty viro mahihitsy amy ty fialifany ao rey? ⁹Mila Ahy ty tany amorontsiraky, sady mitariky ty sambo i Tarsisy, mba handay anakilahinao baka lavitsy rey, ty volafoty nono volamenany miaraky amin-drozy rey, ho ahy ty anara Yaveh Njanaharinao, noho ho ahy Azy Masin'Israely iny, safe fa namea voninahitsy anao Ie. ¹⁰Ty anakilahy hafa firenea rey hampitsanga ndraiky valanao rey; sady hanompo anao mpanjakany rey; fa ndra ro tamy ty helokiko aza ro nanasaziako anao, le amy ty fankasitsahako koa ro hangorahako anao. ¹¹Hivoha zisiky any zisiky any avao koa vavahadinao rey; tsy hakatoky ndra atoandro ndra haly rey, mba handaisa ty hana firenea rey, mbamy mpnjakany tarihy rey. ¹²reneo rey noho fanjaka ze tsy hanompo anao rey ro ho rava vatany; ho rava tanteraky firenea zay. ¹³Ho avy aminao ty voninahitsy i Libanona, ty hazo kypreso, ty kesiky, sady ty bokso miaraky, le hania ty fipetsahako masy; sady hanome voninahitsy ty fipetsaha-tomboko Zaho. ¹⁴Ho avy aminao eo mba handohaliky ndrozy, le ty anakilahy ze nampijotso anao rey; handohaliky an-tombonao eo rozy; hikaiky anao hoe Azy tanà Yaveh iny ndrozy, le i Zio Azy Masy Israely iny. ¹⁵Ho solonao nengà noho nankahalà, ka le tsy misy mandalo anao, le hataoko raha firengerengeo zisiky amy ty tariha mifanolo rey. ¹⁶Hino ty ronono firenea rey avao koa iba, sady hinp amy ty tsatsa mpanjaka rey eo; le ho hainao fa Zaho, ro Yaveh, Mpamonjy anao noho Mpanavotsy anao, Azy Masy i Jakoba iny. ¹⁷Ho solo ty saba le handay volamena Zaho, ho dolo ty vy le handay volafoty Zahi; ho solo ty hazo, le saba; sady ho solo ty vato, le divay. Hanondro fiadana ho governoanao zaho, sady rariny ro mpanapakinao. ¹⁸Tsy ho ré amy ty taninao ao sasy ty heriloha, ndra fandrava ndra fahatoroa amy faritaninao rey ao; fa ho kaihinao hoe Famonjea valanao rey, sady Fanompoa vavahadinao rey. ¹⁹Tsyvho fahazavanao ty andro sasy ty masoandro, ndra hipiriaky aminao ty fahazava ty vola; fa Yaveh ro ho fahazavanao ela zisiky farany, sady ty Ndranaharinao ro voninahitsinao. ²⁰Tsy hilentiky sasy ty masoandronao, ndra hiala ka le handrava ty volanao; fa Yaveh ro ho fahazavanao ela zisiky farany, ka le hotampitsy andro fisaonanao rey. ²¹Ho marina iaby ty olo lakonao iaby; hangalaky ty tany amy ty fotoa iaby ndrozy, le ty rantsa ty voliko, ty asa ty tanako, mba hamea voninahitsy Zaho. ²²Ho avy an'arivoby ty kelikely, sady ho firenea matanjaky ty bitika; Zaho, Yaveh, le hananteraky malaky rey lafa avy ty fotoa.

Chapter 61

¹Amiko ato ty Fanahy ty Tompo Yaveh, safe nanosotsy ahy hitory vaovao mahafaly amy ze mijaly Yaveh. Naniraky ahy mba hanafaky ty marary am-po Ie, mba hanambara fahafaha amy gadra rey, sady fivoaha ty fonja ho ahy ze voafehy rey.²Naniraky ahy mba hanambara ty tao fankasitsaha Yaveh, ty andro ty valifaty Njanaharintsika, noho mba hampahery ze iaby misaona rey Ie.³Naniraky ahy Ie--- mba hanome ho ahy ze misaona rey a-Ziona ao--- mba hanome satsoky ho androzy fa tsy lavenoky, solo-boniom-pifalea fa tsy fisaona, siky fanompoa ho solo ty havoza ty fanahy, mba hikaiha androzy hoe hazo ty fahamarina, azy nambolé Yaveh iny, mba hamea-voninahitsy ie.⁴Hananga rava taloha rey ndraiky ndrozy; hampimpoly fandrava taloha teo ndraiky ndrozy. Hampimpoly tanà rava rey ndraiky ndrozy, fandrava tamybty tariha lako taloha eo rey.⁵Hitsanga sady hamaha aondry noho aosy nareo vahiny rey, anakilahy ty vahiny rey hiasa ty baibonareo noho ty tanimbolobokinareo.⁶Ho kaihe hoe mpisoro Yaveh nareo; hikaiky anareo hoe mpiasa Njanaharintsika ndrozy. Hihina ty hanana firenea rey nareo, sady hirengirengy amy ty hananandrozy.⁷Hahazo hitombo roe avao nareo solo ty hanatsinareo; sady hifaly amy ty fizaran-drozy anareo rey solo ty fanalam-baraka. Laha zay ndrozy le hahazo zara mitombo roe avao amy ty tanin-drozy; hafalea zisiky farany ro ho androzy.⁸Fa Zaho, Yaveh, le tea ty rariny, sady halako ty fandrava noho ty heriloha tsy rariny. Hamaly androzy am-pahamarina Zaho, sady hanao fanenkea zisiky farany amin-drozy.⁹Ho hay amy firenea rey eo ty tarihan-drozy, sady amy olo lako rey eo ty anan-drozy. Ze iaby mahita androzy le hanenky androzy, fa ie rey ro olo lako ze nitahy Yaveh.¹⁰Hifaly tanteraky amy Yaveh zaho; ho faly amy ty Njanahariko ao zaho. Fa Ie ro famonjea; nampisiky ahy tany ty siky lava ty fahamarina Ie, manahaky ty mampiakatsy zisiky farany ty vatany amy ty satsoky, sady manahaky ty ampiakary zisiky farany ty vatany amy ravakiny rey.¹¹Fa manahaky ty tany mampitimoky ty raha-mitiry aminy ao, ro hampitiria Yaveh fahamarina noho fanompoa anila ty fireneaiaby eo.

Chapter 62

¹Laha ty amy i Ziona le tsy hi.amy zaho, sady laha ty amy i Jerosalema le tsy hanilim-bava zaho, zisiky-hiboaha ty fahamarina mipiriaky, sady ty famonjeany manahaky ty fanilo mirehity. ²Hahita ty fahamarinanao firenea rey, sady ty mpanjaka iaby ty voninahitsinao. Ho kaihe amy ty anara vaovao iha ze ho tinginy Yaveh. ³Ho satso-boninahitsy ty hasoa an-tana Yaveh eo avao koa iha, sady satsoky ty fanjaka an-tana ty Njanaharinao eo. ⁴Tsy ho volany ty aminao sasy ty hozao: "Nofoy"; ndra ho volany amy ty taninao sasy ty hozao: "Lao." Fa koa, ho kaihe hozao: "Azy enkeko iny," sady ty taninao hozao: "Manambaly,"safe enké Yaveh iha, sady hanambaly ty taninao. ⁵Manahaky ty pamaraky manambaly somondrara vatany, ro ganambaly ananareo rey anao, sady manahaky ty mampiakatsy mifaly amy ty ampiakary, ro hifalea ty Njanaharinareo aminareo. ⁶Nametsahako mpiemby tany valanao eo, Jerosalema; tsy milamy ndrozy maray noho haly. Nareo ze mampahatiaro an'Yaveh, ka mijano. ⁷Ka engà hiala vozaky Ie zisiky-hametsahany an'i Jerosalema ndraiky noho ziaiky-hananovany zay ho fanompoa antany eto. ⁸Nifanta tany ty tanany an-kavana noho tany ty sandry ty heriny Yaveh hozao: "Azo antoke fa tsy hanome ty varinareo ho hany ho ahy fahavalonareo rey sasy Zaho. Vahiny rey ro tsy hino ty divay vaovaonareo, ze niasanareo. ⁹Fa ze mamboly vary ro hihina zay noho hanompo an'Yaveh, sady ze mitovy ty voloboky rey ro hino ty divay amy ty fitsarà ty fipetsaha masy ao." ¹⁰Miboaha, miboaha amy ty vavahady! Omano ty lala ho ahy ty olo! Amboaro zay, amboaro ty lala-bey! Avorio vato rey! Mampitsangana saina famantara ho ahy firenea rey! ¹¹Ingo, manambara amy ty fara ty tany Yaveh hozao: "Volano amy ty anak'ampela i Ziona hozao: Ingom niavy ty mpanavotsy anareo! Hentao, miaraky aminy ty valisoany, sady mandeha alohany eo ty valin-kavozahany." ¹²Hikaiky anareo ndrozy hozao: "Olo lako masy iny; azy navota Yaveh iny," sady iha ro ho kaihe hozao: "Nilà; tanà tsy nafoy."

Chapter 63

¹Ia aza niavy baka Edoma toy, nisiky salotsy menamena baka Bozra any? Ia moa ie ze nisiky salotsy mpanjaka, mandeha am-patokisa noho ty habey ty heriny? Zaho zay, ze mivola fahamarina noho mahasarombaky tanteraky.

²Nanino ro mena ty fisikinanao, sady nanino ndrozy ro manahaky ze fa nanitsakitsaky ty voloboky amy ty famiaza eo?³Nanosihosy rey ty voloboky tamy ty famiaza eo Zaho, sady tsy nisy bdra le firenea raiky aza mamonjy Ahy. Nihosehosehy tamy ty heloko noho nitsahitsahako tamy ty halaginiko ndrozy. Ty lion-drozy ro nipitiky tamy ty fisikinako sady voaloto fisikinako iaby rey. ⁴Fa tsy liniko ty andro ty famaliako, sady ty tao ty fanavotako ro fa avy.⁵Nanenty Zaho, sady tsy nisy ndra ia ndra ia nanampy. Nijilo Zaho fa tsy nisy nanampy, fa ty sandriko ro nanday fandreseha ho Ahy, sady ty heloko bevata ro nanoha Ahy. ⁶Nihitsakitsahako tamy ty heloko olo rey sady nahamamo androzy tamy ty halaginiko Zaho, sady nailiko tamy ty tany eo ty lion-drozy⁷Hanambara ty asa ty fanenkea matoky Yaveh zaho, asa maeva-tompoe nanovy Yaveh rey. Hanambara ze iaby nanovy Yaveh ho ahintsika zaho, sady ty habey ty fananovan-tsoany tamy ty tariha Israely. Fa natorony antsika ty fatsoram-po noho ty famalozam-pony, sady tamy ty asa sisiny ty fanenkea matoky. ⁸Fa hoy ie: "Fa oloko vatany rey, ana ze tsy mba tsy menatsy-mivaliky." Niavy Mpamonjian-drozy Ie.⁹Tamy ty fijakean-drozy iaby, le nijaly koa ie, sady namonjy androzy ty anjely baka amy ty famonjeany. Amy ty fitiavany noho ty famalozam-pony namonjeany androzy, sady nanondrotsy nono nanday androzy tamy ty fotoa fa ela iaby Ie.¹⁰Fa niharo noho laginy tamy ty Fanahy Masiny ndrozy. Ka le nanjary fahavalon-drozy Ie sady nialy hanohitsy androzy.¹¹Ty olony ro nidiniky fotoa i Mosesy fa ela rey. Hoasan-drozy: "Aia Njanahary, ze nanday androzy niboaky tamy ty riaky ao miaraky amy ty mpiemby ty aondry noho aosiny? Aia Njanahary, ze nampipetsaky ty Fanahy Masy tamin-drozy eo?"¹²Aia Njanahary, azy nanao ty heriny bey voninahitsy nandeha tamy ty tana ankavana i Mosesy iny, sady nampisaraky ty rano talohan-drozy eo, mba hananova anara zisiky farany ho azy? ¹³Aia Njanahary, azy nanday androzy tamy ty rano laliky iny? manahaky ty sovaly milay amy ty tahy mahity eny, tsy meloky ndrozy.¹⁴Manahaky ty biby fihary ze mijotso am-baibo, ty Fanahy Yaveh nanome fijanona androzy. Ka nanday ty olo lakon.ao iha, mba hananova anara fanompoa ho ahinao.¹⁵Manentea ambany baka amy ty lanitsy eny sady miembena baka amy ty fipetsahanao masy eny noho bey voninahitsy. Aia ty zotom-ponao noho ty asanao mahery? asa famalozam-po noho ty fangoram-ponao le nitandrahany taminay. ¹⁶Safe babany iha, fa Abrahama tsy hangalaky anay, sady Israely tsy mahay anay, iha, Yaveh, ro babanay. 'Mpanavotsy anay' ro fa anaranao zisiky ty fa ela.¹⁷Yaveh, nanino ro enganao hiriorio hiala amy ty lalanao zahay sady hampahery ty fonay, mba tsy hanenkeanay Anao? Mimpolia noho ty amy mpiasanao rey', ty foko ty lovanao.¹⁸Fotoa tsy ampy ro nanana ty olo lakonao ty toeranao masy, le nihitsakitsahy ty fahavalonay zay. ¹⁹Niavyanahaky ze tsy mbo nifehezinao rey zahay, manahaky ze tsy mba nikaihe tamy ty anaranao rey."

Chapter 64

¹"Hentao, laha mampisaraky ty lanitsy Iha ka le mijotso! Le hihozongozo anilanao eo ty vohitsy, ²manahaky ty afo lafa mitehitsy amy ty borosy hazo, ndra ty afo mampandevy rano. Hentao, fa ho hay fahavalonao rey ty Anaranao, fa ho velo sandry anilanao eo ty firenea!³Taloha, laha nanao raha-mahatseriky ze tsy nandinasanay Iha, le nijotso Iha, sady nivelo sandry tamy ty famonjeanao ty vohitsy eo. ⁴Zisiky amy ty taloha oe tsy nisy naharé ndra nahay, ndra nahita maso Njanahary hafa-tsy Iha, ze manao raha ho ahy ze mandiny Azy.⁵Niavy nanampy ze mifaly amy ty fananova ty marina rey Iha, ze mahatiaro lalanao rey noho manenky irey. Meloky Iha laha nanota zahay. Avotsy tamy ty lalanao avao zahay.⁶Fa niavy manahaky lila iaby rey zahay, sady asam-pahamarinanay iaby rey lemanahaky ty ravi-tsikim-padim-bola. Malazo manahaky ty ravy iaby zahay; helokinay le manahaky ty tsioky, manday anay lavitsy. ⁷Tsy misy mikaiky amy ty Anaranao, ndra miezaky mba hipitiky Aminao. Fa nampny ty tarehinao taminay Iha sady mandamaky anay amy ty tana eo helokinay rey.⁸Nefa, Yaveh, Iha ro Babanay; zahay ro tanimanga, Iha ro mpamolavola anay; sady zahay iaby ro asa ty tananao. ⁹Ka meloky maré, Yaveh, ndra koa mahatiaro otanay rey hanohitsy anay. Mba mangataky lahy hentao zahay iaby, olonao.¹⁰Niavy ta karakaina any tanànao masy rey; niavy ta karakaina any i Ziona, vozaky i Jerosalema. ¹¹Ty egilizinay masy noho soa, ze nanompo ty razanay Iha, le rava ty afo, sady iaby ze maminay rey le nionga. ¹²Manino ro mbo hinenteano avao, Yaveh? Manino Iha ro mitandraky tsy fivolana sady mbo mangala-baraka anay zisiky zao?"

Chapter 65

¹"Fa vonona ty ho ré ze tsy nanontany rey Zaho; vonona ty ho hita ze tsy nila rey. Hoy Zaho hozao: 'Toy Zaho! Toy Zaho!' ho amy ty firenea ze tsy nikaïke ty anarako. ²Fa namelatsy ty tanako anay ty androiaby ho amy ty olo lako mahery loha Zaho, ze mandeha amy ty lala ze tsy soa, ze fa nandeha manahaky ty sai-hainy noho ty fanitiany! ³Ndrozy ro olo lako ze tsy mijano mampeloky Ahy, manao soro amy zariday rey ao, sady mandoro litan-kazo manitsy anabo tanimanga eo. ⁴Miembena amy ty lolo ndrozy eo sady anay ty haliky eo, sady mihinana henankoso miaraky amy ty rò ty hena tivativa an-dovian-drozy eo. ⁵Hoy ndrozy hozao: 'Mihataha, ka mariny ahy, fa zaho ro masy vatany noho iha.' Raha rey ro tam-bavanoroko eo, afo ze mandoro tanay ty andro raiky. ⁶Ingo, voasoratsy alohako eo hozao: Tsy hivola Zaho, fa hampanonitsy androzy; hamaly androzy am-potsonany eo, ⁷fa ty fahotan-drozy noho ty razany ro miharo," hoy Yaveh. "Hamaly androzy noho ty fanoroa lintan-kazo manitsy tamy vohitsy noho ty fikizaha Ahy rey ao tamy vohotsy rey ao Zaho. Laha zay le hanametatsy asa vitan-drozy rey am-potsonany eo Zaho. ⁸Zao to volany Yaveh: "Manahaky ty ranom-boakazo hita an-tsampahom-boloky, ka le nivola ty raiky hozao: 'Ka simba io, safe misy soa aminy ao,' zay ro hanoviko noho ty amy ty mpiasako: Tsy handrava azy iaby Zaho. ⁹Handay tariha baka amy i Jakoba. noho baka amy i Joda ze hana vohitsiko rey Zaho. Ze voatingiko rey ro hana ty tany, sady ty mpiasako ro hipetsaky ao. ¹⁰Saro ro hanjary fandinisa aondry noho aosy, sady ty loham-baibo i Akora ho toera fampiriroan'aomby, ho ahy oloko ze mila Ahy rey ¹¹Fa nareo ze miala an'Yaveh, ze manalino ty vohitsiko masy, ze manoma latabatsy ho ahy ty njanahary Gada, sady manatsiky divay voaharo ty finoma ho ahy ty njanahary Meny. ¹²Handahatsy anao ho ahy ty meso-bey Zaho, sady nareo ro handohaliky amy ty fahafatesa iaby, safe tamy Zaho mbo nikaiky, le tsy namaly nareo; tamy Zaho mbo nivola, le tsy hijanjy nareo. Fa nanao ze raty tanilako eo noho nitingy ty hanao ze tsy mahafaly Ahy nareo. ¹³Zao ro volany ty Tompo Yaveh: "Ingo, hihina ty mpiasako, fa nareo koa ho mosary; ingo, hino ty mpiasako, fa nareo koa hangetaheta; ingo, hifalifaly tympiasako, fa nareokoa ho manary. ¹⁴Ingo hikoraky fifalea ty mpiasako noho ty hafaleam-po, fa nareo koa hitany noho ty faharary ty fo, sady hidradradradra noho ty fahatorotoroa ty fanahy. ¹⁵Hanenga ty anarareo ho ozo ho ahy voatingiko rey mba hivola nareo; Zaho, Tompo Yaveh iny, ro hamono anareo; Hokaihiko amy ty anara hafa mpiasako rey. ¹⁶Ndra ia ndra ia manambara fitahia amy ty tany ao le ho voatahiko, azy Njanahary ty faha-marina iny. Ndra ia ndra ia mifanta amy ty tany ro mifanta amy ty alalako, azy Njanahary iny ty fahamarina, safe ho halino loza taloha rey, fa hivony tsy ho hita ty masoko rey. ¹⁷Fa ingo, hamoro lanitsy vaovao noho fany vaovao Zaho; sady raha taloha rey ro tsy tiaro ndra hampitiarovy. ¹⁸Fa ho faly nareo sady hiravo ziziky farany amy ze vo ho foroniko ao. Ingo, hamoro an'i Jerosalema ho fifalea, sady ty olony ho sitsaky Zaho. ¹⁹Hifalifaly miodidy an'i Jerosalema, noho ho faly amy olo lakoko rey Zaho; ty tomany noho ty toreo ty fijalea ro tsy ho ré aminy ao sasy. ²⁰Tsy hisy aja maliky hiay andro tsy ampy sasy ao; ndra bey maty aloha ty androny. Ze maty amy ty faha zato tao le himpoly ho olo maty tanora. Ze tsy mahatsatsy ty fahaarivo reimy tao le himpoly ho voahozo. ²¹Hamboatsy tsano ndrozy ka le hipetsaky amy zay ao, sady hamboly voloboky ka le hihina ty voany. ²²Tsy hamboatsy tsano sady ndrozy ka le ty hafa ro hipetsaky amy zay ao; tsy hamboly ndrozy ka le ty hafa rohihina; fa ty andro ty hazo mitiry ro ho andro ty olo lakoko. Ty voatingikole hisitsaky atsiky ty asa ty tanany. ²³Tsy hiasa maiky ndrozy, ndra hiterakymba hampatahotsy. Safe ndrozy noho tarihany le ana ze voatahy Yaveh rey. ²⁴Aloha ty hikaihan-drozy, le hamaly Zaho; sady laha mbo am-pivolana ndrozy, le hijanjy Zaho. ²⁵Ty alika-li noho ty anak'aondry ri hiara-hitsaoky, sady ty liona hihina lila manahaky ty aomby; fa lemboky ro ho hany ty bibilava. Tsyhandratsy ndra hamotiky amy tyvohitsiko eny sasy ndrozy" hoy Yaveh.

Chapter 66

¹Zao ro volany Yaveh hozao: "Ty lanitsy ro seza fipetsahako, sady ty tany ro fipetsaha-tomboko, aia sady ty tsano ze hamboarinao ho Ahy? Aia ty toera ze ahafahako miala vozaky?²Ty tanako ro nanao raha iaby rey; zay ro nahavy raha rey hisy_zay ro fanambara Yaveh. Zao ro olo ze enkeko, ze torotoro noho maneny am-panahy, sady ze mangonotsy amy ty safako.³Ze mamono aomby ro mamono olo avao koa; ze manao soro ty anak'aondry ro manapaky ty vozon'alika; ze manome fanomeza hohany ro manome lio-koso; ze manome litan-kazo manitsy ho fahatiarova le misaotsy ty faharatia. Nitingy lalany rey ndrozy, sady nangalaky fahafinareta tamy fahativativany re.⁴Manahaky zay koa ro hitingirako ty fanasazia androzy avao; handesiko amin-drozy eo ze hatahorany, safe lafa nikaiky Zaho, le tsy misy namaly; lafa nivola Zaho, le tsy nisy ndra raiky aza ka le nijanjy. Nanao ze raty tamasoko eo ndrozy, sady nitingy ty hanak ze raha nampeloky Ahy."⁵Mijanjy ty safa Yaveh, iha ze mangonotsy amy ty safany hozao: "Rahalahinao ze malay noho manavaky anao rey noho ty anarako nivola hozao: 'Engao hamea-voninahitsy Yaveh, leahita ty hafakeanao Ie,' fa ho menatsy ndrozy."⁶Ty feo ty aly mikorakoraky le baka amy ty tanà any, feo baka amy ty egilizy ao, ty feo Yaveh mamaly fahavalony rey.⁷Tamy ie mbo nihetsiky-aja, le teraky; aloha ty faharary ho aminy eo, le niteraky aja lahilahy ie.⁸Ia ro naharé raha manahaky zay? Ia ro ca nahita raha manahaky zay? Moa vahoteraky anay andro raiky ty tany? Afaky hamboary anay ty fotoa raiky ty firenea? Tamy i Ziona mbo nihetsiky-aja, le fa niteraky anany rey.⁹Moa va manday aja amy ty fahavonona ty fahateraha Zaho ka le tsy manenga ty aja ho teraky? _nanontany y. Ndra nanday aja amy ty fotoa ty fiteraha ka le hampimpoly say? _manontany Njanahariko."¹⁰Mifalea miaraky amy i Jerosalema sady mifalea ho azy, nareo iaby ze tea azy; mifakea miaraky aminy, nareo iaby ze malahelo azy! ¹¹Fa hiteza iha sady ho afapo; hampionona amy nonony rey eo iha; fa hino zay amy ty hafenoa noho fahafinareta ty voninahitsy bey iha.¹²Zao ro volany Yaveh: "Handeha hampiparitaky fitahia mameno azy manahaky ty renirano Zaho, sady ty hanana ty firenea ho manahaky ty loharano mitondraky. Hinono amy ty ilany iha, ho an-tsandriny eo, sady ho ahindrahindra amy ongony eo. ¹³Manahaky ty ankahereza tb reny ty anany, noho hankaherezako anao, sady hankahereza iha a-Jersalema ao."¹⁴Hahita zay iha, le hifaly ty fonao, sady ty taolanao hitsiboky manahaky ty akata-maintso. Hampahay Yaveh mpiasany rey ty tanany. Fa hampiseho ty heloky hanohitsy fahavalony rey Ie.¹⁵Fa ingo, niavy miaraky amy ty afo, sady niavy manahaky ty talio kalesany rey mba handay ty hafana ty helokiny noho ty fivolanany maré miaraky amy lelan'afo rey. ¹⁶Fa hanao ty fitsara amy tg olombelo amy ty alala ty afo noho ty meso-beny Ie. Ho lako ze hovonoe Yaveh rey.¹⁷Manamasy ty vatany noho manalio ty vatany ndrozy, ka le afaky militsy am-baibo ao, manoriky ty raiky ze anivonu eomihina nototsy-koso noho raha tivatova manahaky ty valavo rey. " Ho avy amy ty fiasara ndrozy_zay ro fanambara Yaveh. "¹⁸Fa haiko asany rey noho eritseritsiny rey. Ho avy ty fotoa lafa hamory firenea noho fivola iaby rey Zaho. Ho avy ndrozy sady hahita ty voninahitsiko.¹⁹Hampipetsaky fahaiza mahery amin-drozy eo Zaho. Bakeo le handefa sisa rey tsy maty baka amin-drozy amy firenea any Zaho: a-Tarsisy any, Pola, sady Lydia, mpandefa anaky-kititsy ze mania kititsiny rey, Amy i Tobala, Javana, sady amoron-tsiraky lavitsy rey ze tsy naharezan-drozy Ahy ndra nahitany ty voninahitsiko. Hanambara ty voninahitsiko mameno tb firenea ndrozy.²⁰Hampimpoly rahalahinao iaby rey hiboaky firenea iaby rey ndrozy, manahaky ty fanomeza ho an'Yaveh. Ho avy amy ty sovaly, noho anay kalesa rey, anay fijalea rey, anabo ampondra reh, sadyanabo rameva rey, ho amy i Jerosalema vohitsiko masy rey any_hoy Yaveh. Fa ty olo lako i Isrealy le handay fanomeza vary anay lovia malio ho an-tsano Yaveh ao. ²¹Ndra ty ilany amin-drozy aza le hotingirako ho mpiasoro noho Levita_hoasa Yaveh.²²Fa manahaky lanitsy vaovao rey noho tany vaovao ze hanoviko le hipetsaky anilako eo_zao ro fanambara Yaveh _ka lehipetsaky tarihanao rey, sady hipetsaky tu anaranao. ²³Fa amy ty vola raiky ka le zisiky amy ty manaraky, sady ty Meso-bey raiky ka le zisiky amy ty manaraky, ho avy handohaliky Amiko olo iaby rey_hoasa Yaveh.²⁴Hiboaky ndrozy sady hahita fatin'olo ze niharo hanohitsy Ahy reh, fa ty soko ze mihina androzy le tsy ho maty, sady ty afo ze handevy androzy le tsy ho maty; sady ho hampangoritsy ho ahy ty nofotsy iaby zay."

Jeremiah

Chapter 1

¹Retia ty safa i jeremia anak'i Hilikia, raiky amy mpisoro ta Anatota tao tamy tana i Benjamina. ²Niavy taminy ty safa Yaveh tamy ty fotoa i Josia anaky Amona, mpanjaka i Joda, tamy fahatelo folo amby tao nanjakany. ³Niavy avao ndraiky zay tamy andro i Joiakima anaky Josia, mpanjaka ny Joda, zisiky amy ty vola faha limytamy ty tao faha folo raiky amby nanjaka i Zedekia anaky Josia, mpanjaka i Joda, lafa nala ho gadra ty olo i Jerosalema.

⁴Niavy tamiko ty safa yaveh, manao hozao: ⁵"Taloha ty nananovako anao tan-troky, le fa nitingy anao Zaho; taloha ty niboahanao baka an-troky le natokokako iha; le fa nanovako ho mpminany amy ty firenena Zaho." ⁶Oh, lahy Yaveh Tompo!" Hozao tiasako: "Tsy mihay misafa safa, fa mbo tanora mare." ⁷Fa Yaveh ro nivola ahy manao hozao: "Ka manao hoe 'tanora mare zaho.' Fa tsy maintsy mandeha iha ndra aia ndra aia ty hannirahako anao, sady tsy maintsy mivola ze raha iaby andidiako anao iha! ⁸Ka mavaka androzy, fa miaro anao hamonjy anao Zaho--- zay ty fanambara Yaveh." ⁹Le nanampatsy ty tanany Yaveh, nitsapa ty vavako, sady nivola tamiko hozao: "Henany zao fa nengako am-bavanao ao ty safako. ¹⁰Henany zao zaho le mitingy anao amy firenena noho amy ty fanjaka rey, mba hanombotsy noho handrava, mba handrava noho handrobaky, mba hagnory sady hamboly. ¹¹Niavy amiko ty safa Yaveh, manao hozao: "Ino va lahy ty teanao, Jeremia?" Hozao tiasako: "Mahita ran-tsakazo amygdala zaho." ¹²Hoasa Yaveh tamiko: "Fa nahita soa iha, fa mitandry ty safako Zaho mba hanantanteraky zay." ¹³Niavy tamiko fanindroany ty safa Yaveh, manao hozao: "Ino va ro hitanao?" Le hozao tiasako: "Valany ma ro nihitako, ze mandevo ty lombony, mihoritra mba avaratsy." ¹⁴Hozao tiasa Yaveh tamiko: "Hivoha baka avaratsy amy ze mipetraky amy ty tany io ty loza. ¹⁵Volan'Yaveh, fa hikaiky ty fokoa iaby baka avaratsy ty fanjaka Zaho. Ho avy ndrozy, sady hanenga ty sieza fiadanany amy ty vavahady filira a Jerosalema, hanohitsy ty manda iaby mihodidy anizay, sady hanohitsy ty tana i Joda iaby. ¹⁶Zaho le hitono didim-pitsara hanohitsy androzy noho ty faharatian-drozy iaby tany ty fahafoiza Ahy, amy ty fandoroa ditin-kazo manitsy hoahy ty Njanahary hafa, sady amy ty fanompoa ze namboary ty tanan-drozy rey avao. ¹⁷Tokony ho vono ty vatanao! Miongaha sady volano androzy ze nandidiako anao iaby. Ka malemilemy miatriky androzy, tsy no hamotimotiky anao miatriky androzy Zaho! ¹⁸Ingo! Henany io Zaho le fa nanao tana arova mare, noho andry vy, sady manda saba hanohitsy ty tany iaby ho ahinao--- hanohitsy ty mpanjaka ahy Joda, azy manam-pahefany rey, azy mpisorony rey, sady olo amy ty tany. ¹⁹Hialy hanohitsy anao ndrozy, fe tsy haharesy anao, fa hiaro anao Zaho mba hamonjy anao--- zay ty fanambara Yaveh."

Chapter 2

¹Niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Mandina sady manambara amy Jerosalema. Mivola hozao: " Zao ty vola Yaveh: Nahatiaro ty anaranao Zaho tamy ty tsy fivaliham-pitokianaoty tamy ty fahatanoranao, ty fitiavanaoty tamy ty fotoa nivaliantsika, lafa nanoriky Ahy tan'efitsy iha, le azy tany tsy nasindraky. ³Israely le natoka hoahy Yaveh, azy veloham-bokatsy ty vokatsiny! Azy iaby mihina ty veloham-bokatsy rey le ho sazia; niavy tamindrozy ty loza--- zay ro fanambara Yaveh." ⁴Janjino ty safa Yaveh, ry longo i Jakoba noho ty longo Israely iaby. ⁵Zao ty vola Yaveh: Ino va ty probolemo ty razanareo Amiko, ro miala lavitsy tamy ty fanoriha Ahy ndrozy? le nanjary nanoriky sampy tsy misy ila azy noho sady tsy misy ila androzy? ⁶Ndrozy rey le tsy mivola hozao: 'Aia yaveh, ze nanday anay niakatsy baka amy ty tany Egipta? Aia Yaveh, ze nitariky anay tanefitsy tany iny, tany tana i Arabaha noho ty lavaky, tamy ty tany hay noho ty haiky mare, tana raiky ze tsy misy mpandalo ndra ia ndra ia sady tsy misy mipetraky?" ⁷Fa nanday anreo tamy tana amy ty tany Karema Zaho, mba hihina ty vihiny noho ty raha soa hafa! Fa lafa avy nareo, le nolotoanareo ty taniko, nanovinareo ho veteveta ty lovako! ⁸Ty mpisoro le tsy nivola hozao: 'Aia va Yaveh?' sady azy manam-pahaiza manoka rey amy ty lala le tsy midary ty momba Ahy! Azy mpiamby aomby rey nanota tamiko. Azy mpaminany rey naminany hoahy Bala sady nanoriky ty raha tsy mahasoa. ⁹Le mbo hanasara anareo avao zaho--- zay ty fanambara Yaveh--- sady hanasara ty anaky ty anakinareo Zaho. ¹⁰Fa manapaha amy sisys kitima eny le henteo. Mampandina mpanday hafatsy hoahy kedara le ilao sady henteo laha mbo misy raha manahaky ty taloha. ¹¹Nifanakalo Ndranahary va ty firenena, ndra tsy ndranahary koa aza rey? Fe ty oloko le nanakalo ty voninahitsindrozy tamy ty raha ty raha ze tsy afaky manampy androzy. ¹²Mangitikitiky ty lanitsy noho zay! Engaho ho meloky noho hatahotsy--- zay ty fanambara Yaveh. ¹³Fa nanao haratia tamiko indroa ty olo: Ndrozy rey le nahafoy ty loharano ty ranovelo, nihaly famorian-drano hoahy ty vatan-drozy, sady namaky famorian-drano ze tsy mahatanjaky rano mihintsy. ¹⁴Vasa andevo Israely? Tereky temy ty trano ty tompony va ie? Le manino va ie ro nanjary mpandrava? ¹⁵Nierotsy taminy ty lion tanora. Nikorakoraky mare ndrozy le nanao ty taniny ho mampangaroharo. Rava ty tanany rey le tsy misy mpipetraky. ¹⁶Ty olo ta Memfisa noho Tapanesa avao koa le hiharatsy ty taolan-dohanao. ¹⁷Vasa tsy nanao zay tamy ty vatanao vaha iha lafa nahafoy any Yaveh Ndranaharinao, laha mbo nitariky anao tamy ty lala ie? ¹⁸Heney zao, nanino ro mandeha amy ty lala mandeha a Egiptanoho mino ty rano ahy Sihona? Nanino va ro mandeha amy lala i Asyria sady mino ty rano ahy Eofrata? ¹⁹Mandatsy anao ty haratianao, manasazy anao ty fivalihanao. Le eritrereto soa zay fa lafa mahafoy an-Dranaharinao iha le raty noho mafaitsy zay, sady ka mavaka Ahy--- zay ty fanambara Yaveh Tompo tompoa ty olo maro. ²⁰Fa nanapaky ty vesatsinao ze nanananao tamy ty andro taloha Zaho; fa nanafaky ty hagadranao Zaho. Fa mbo mivola hozao avao iha: 'Tsy hanompo zaho!' safe mbo nandophaliky tamy ty vohitsy anabo iaby noho ambany ty hazo misy ravy iaby iha, lahy azy mpandranto. ²¹Manahaky ty voaloboky nitinginy ro namboleko anao, le baka amy ty voa soa vatany. Tamy fomba manao akory ro nanovanao ty vatanao ho raty, hanjary voaloky raty? ²²Fa ndra manasa ty vatanao amy ty renirano ndra manasa ty vatanao amy ty savony mahery aza iha, le maloto anilako eo ty hadisoanao---zay ty fanambara Yaveh Tompo. ²³Amy fomba manao akory ro ahafahanao mivola hozao: 'Tsy maloto zaho! Tsy nandeha nanoriky any Bala zaho?' Henteo ze nanovinao ta mbaibo! Eritsereto ze nivitanao--- iha rameva vavy milomay mbetia mbaroa, ²⁴ampondra ly zatsy ta nefitsy, ze mamofa hila tsioky! Ia va ro afaky hisaka ty faniriany? Amy ty fotoa filany le tsy misy lahy hanoriky azy; fa nahitaky azy hotiazy ndrozy. ²⁵Tsy maintsy fatoranao ty tombonaolafa tsy misiky kapa sady ty vozonaolafa marandrano! Fa nivola hozao iha: ' Tsy misy fanantena zay! Aha, teako vahiny rey sady mandeha amnoriky androzy rey zaho!' ²⁶Manahaky ty fahafaham-baraky ty mpangalatsy iaby lafa hita ie, ro fahafaham-baraky ty fianakavia Israely--- ndrozy, ty mpanjakandrozy, azy mpanjakany, azy mpisorony rey sady azy mpaminany rey! ²⁷Rey ro mivola amy ty hazo manao hozao: Iha ro babako', sady amy vato manao hozao: Iha ro niteraky ahy.' Fa ty lambosindrozy ro nanatrika ahy fa tsy ty vatandrozy. Ndra zay aza, le mivola hozao ndrozy amy ty fotoa ty probolemo: 'Miongaha sady vonjeo zahay!' ²⁸Aia va ty ndranahary nanovinareo hoahy ty vatanareo? Engaho ndrozy hiary laha maniry hamonjy anareo amy ty fotoa ty proboleminareo, fa ty asa ty tananareo le mifanahaky amy ty isa ty sampinareo, ry Joda! ²⁹Le manino va iha ro anasara Ahy amy fanaova ty raha tsy mety? Fa nanota tamiko iaby nareo --- zay ty fanambara Yaveh. ³⁰Raha fahatany ro nanasaziako ty olonao. Tsy henenky ty fepetsy ndrozy. Ty sabatsinareo le nitely ty mpaminaninareo manahaky ty liona mpandrava! ³¹Nareo ze ahy ty tariha toy! tandremo soa ty volako, le ty safa Yaveh! Fa tany efitsy tamy Israely va zaho? Ndra tamy haiky mare? Manino ty oloko ro mivola hozao: ' Ndao tsika hikarikarioky, tsy handeha aminao eo sasy zaho?' ³²Hanalino ty ravany va ty tsy mahay lehilahy, sady hankary ty voaliny va? Fa maro maro andro zao ty nanalinandrozy rey Ahy! ³³Manao akory ty hasoa ty lalanao hila fitia. Fa nampianatsy ty lalanao tamy ty ampela raty fanahy aza iha. ³⁴Fa nihita tamy ty sikinao ty lio ty tsy mana hakeo, ty ahy n'olo tsy mana. Tsy hita nanao asa fandrava azy olo rey. ³⁵Fa hozao

ty asanao: 'Tsy mana hakeo zaho, fa le vatany niala tamiko ty helokiny.' Fe ingo! Zaho le hitsara anao amy ty fivolananao hozao: ' Tsy nanao hadisoa zaho.' ³⁶Manino va tsy nampisianao dikany ty fiova tamy ty fombanao toy? Ho diso fanantena tamy Egypta avao iha, manahaky tamy Asiria. ³⁷Ho kivy avao koa iha hiala baka ao, miaraky amy ty tananao an-dohanao eo, safe Yaveh fa tsy nanenky ze fa nitamaninao, le tsy hampindrozy iha."

Chapter 3

¹Laha misy lahilahy raiky misaraky amy ty valiny le miala taminy ie le najary valin'olo hafa, le mbo himpoly amy ty valiny ndraiky va ie? Tsy le vatany haloto va azy tany zay? Fa niay manahaky ty mpandranto ze mana lahilahy lako iha; le mbo himpoly amiko va? --- zay ty fanambara Yaveh. ²Ampiakaro amy ty momba ty masonareo sady henteo! Misy tana mbo tsy niarahanareo nangalany va? tanila lala eo iha ro nipetraky niambly ty lahilahinao, manahaky ty Araba an'efitsy any. Fa nolotoanao tany ty fandrantoanao noho ty faharatiana ty tany.³Le nitapena ty loharano sady tsy niavy ty ora farany. Fa miavonavo ty vatano, manahaky ty tarehinam-pela mampangaroharo. Tsy nenkeninao ty fahatsapa henatsy.⁴ Mba fa niakaiky Ahy hozao va iha: " Ry babako! Ty namako maritsy baka amy ty fahatanorako! ⁵Le ho meloky amiko avao va ie? Le ho tanjahany zisika amy ty farany va ty helokiny? Ingo! zay ty fa nivolaninao, fe afaky anovinao iaby ty raty nanovinao!"⁶Le hoasa Yaveh tamiko tany ty andro i Josia mpanjaka: "Fa nihitanao va ty fivaliha nanovy Israely? Le nannganniky ty vohitsy anabo iaby ndrozy tambany ty ala lako, le tao ty nananovany ty fandrantoanao. ⁷Hozao ty asako: 'Afara ty anaovany raha iaby zay, le himpoly amiko ie, fe tsy nimpoly ie. bakeo ty anabavy i Joda mpamaliky nahita raha rey.⁸Le nihitako fa tany ty fomba mifanahatahaky ro fa nandrantoanao Israely mpivaliky sady fa nandroaky azy zaho sady fa nameako hanohitsy azy ty vava ty fisaraha fanambalia, ty anabavy ty Joda mpivaliky tsy navaka; niboaky avao koa ie sady nnao manahaky ty fandrantoanao ; ⁹tsy nisy dikany aminy ty findratovany; nitety ty tany ie; sady nanao nandrato tany ty vato noho ty hazo ie. ¹⁰Sady tafara raha iaby rezay, ty anabavy i Joda mpivaliky le nimpoly taminy, tsy baka amy ty fony iaby, fe tany ty vandy---zay ty fanambara Yaveh."¹¹Le nivola hoizao tamiko Yaveh: "To vatany noho i joda mpivaliky ty Israely mpivaliky! ¹²Mandina sady volano mbavaratsy mbao azy safa rey. volano hozao: "Mimpolia, lahy ry Israely mpivaliky! --- zay ty fanambara Yaveh--- tsy ho meloky aminareo fahatany Zaho. Zisiky naha mpampatoky Ahy--- zay ty fanambara Yaveh---tsy hiegnny ho meloky zisiky amparany zaho."¹³Tokony hanenky ty fahadisoanao iha, safe fa nanota tany Yaveh Ndranahariana iha; fa nizara ty fombanao tany ty vahiny ambany ty hazo bevata iaby! safe iha tsy nijanjy ty feoko! ---Zay ty fanambara Yaveh. ¹⁴Mimpolia, ry olo manam-pinoa! ---zao ty fanambara Yaveh--- Zaho ro valinareo! Halako nareo ty raiky baka amy ty tana le ty roa baka amy ty longo, sady handesiko amy Ziona any nareo! ¹⁵Hameako mpiamby aondry araky ty fokoa nareo, sady hiamby anareo araky ty fahaiza noho ty fikarokaroa ndrozy.¹⁶Sady zao ro hiseho, hitombo iha sady handay voan-kazo amy ty tany amy zay andro zay--- zay ro safa Yaveh--- sady hivola hoizao avao ndrozy: " Ty fiara ty fanenkea Yaveh!" Zay raha zay le ho avy anain-drozy avao na ho tiarovy; tsy ho tsy ampy zay, sady ty raiky hafa tsy ho vita."¹⁷Amy fotoa io le hivola hozao mikasiky any Jerosalema ndrozy: 'Toy ty seza fiadana Yaveh,' sady azy firenena hafa iaby rey le hivavaky a jerosalema amy ty anara Yaveh. Le mbo nandeha amy ty amy ty heriloha ty faharatiany ty fony avao ndrozy. ¹⁸Amy zay andro zay ty longo i Joda le handeha amy ty longo Israely. Le hiaraky avy baka amy ty tany avaratsy ndrozy ho mbamy tany ze nameako ty razanareo ho lova."¹⁹Laha ty amiko, le hozao tiasako: Ho ty faniriako hanome voninahitsy anao manahaky ty anakilahiko sady hanome anao tany soa mare mandilatsy ty firenena hafa! Tsy maintsy hivola hozao zaho: " Hikaiky ahy manao hoizao iha tsy tokony nivaliky tany fanoriha ahy nareo. ²⁰Fe manahaky ty ampela matoky ty valiny, fa namaliky Ahy iha, ry longo Israely--- zay ty safa Yaveh."²¹Re tany ty tany malemy ty feo, ty tany noho ty fangataha ty olo ahy Israely! Fa nanova ty fombany ndrozy, fa nihalinondrozy yaveh Ndranahary ndrozy. " ²²Mimpolia , ry olo tsy mana finoa! Ho jangako amy ty verivery nareo" Ingo! Ho avy Aminao any zahay, fa Iha ro Yaveh Ndranaharinay!²³Ho avy amy ty vohitsy vatany ty vandy, ty feo mampanahira baka amy ty vohitsy ; yaveh Ndranahary vatany ro famonje ahy Israely. ²⁴Fa nanimba ty asa ty razambe tsika Azy sampy mahamenatsy rey--- azy aondry noho ty aosy fiharindrozy, azy ankilahy noho ty anakam-pelan-drozy rey! ²⁵Engaho zahay ho hendry amy ty fahamenara eo. handomboky anay lahy ty henatsinay, fa nanao hadisoa tsmy yaveh Ndranaharinay zahay! Zahay vatanay noho ty razambenay, tany ty fotoa fahatanoranay le zisky amy ao andro zao, le mbo tsy nahare ty feon'yaveh Ndranaharinay!"

Chapter 4

¹"Laha mimpoly iha, ry Israely--- zao ty fivolana Yaveh---le Amiko ro tokony himpoliananao. Laha ala tsy ho anilanao ty raha mampangaroharanao rey sady tsy hiala amiko ndraiky iha, ²le tokony ho atriiky fahamarina iha, hahity,sady ho to lafa mifanata manao hozo: ' Laha mbo velo avao Yaveh.' Le ho sambatsy aminy ao ty firenena, sady aminy ao ro hanomezandrozy ty voninahitsy." ³Fa zao ty safa Yaveh amy ty olo kiraikiraiky ta Joda noho Jerosalema: ' Ty taninao avao ro asao, sady ka mamafy amy fatiky.⁴tapaho hoahy Yaveh ty vatanareo sady afaho ty holitsy manaro ty fonareo, azy lahilahy ahy Joda noho ty azy mipetraka a Jerosalema, laha tsy zay le hiboaky manahaky ty afo ty heloko, le hirehitsy tsy misy hamono azy, noho ty faharatia ty asanareo. ⁵Ambarao amy Joda any sady tokony ho re a Jerosalema ao. Volano hozo: "Tiofo amy ty tany ty trompetra ." Ambarao hozo: "Mivavaha. Ndao tsika hoamy ty tana ⁶narova."Ampiakaro ty say famantara sady ampitoliho a Ziona zay, sady miala hila fiarova! Ka mieny, safe handay loza baka avaratsy Zaho sady fandrava bevata.⁷Misy lion hiboaky baka anala sady fa miongaky ty olo ze handrava ty firenena. Manenga ty fipetrahany ie mba handay serisery amy ty taninao, hamaliky ty tanananareo rey ho faharava, ze tsy hisy hipetraky. ⁸Lafa zay, saforo lamba fisaona ty vatanao, mitania sady mikorakoraha. Fa tsy niala tamitsika ty hery ty heloky Yaveh.⁹Sady hiseho zay amy zay andro zay--- zao ty fanambara Yaveh--- le ho kivy ty fo ty mpanjaka noho ty mpifehiny. Hioro-bolo azy mpisoro rey, sady havaka mpaminany rey."" ¹⁰Le hozo zao tiasako: " Oh! Ry Tompo Yaveh. Namitaky ty olo toy noho Jerosalema vatany iha tany ty fanambara hozo: 'Hisy fiadana ho ahinareo.' Kanefa ty mesobeney le mahavoa ty aindrozy."¹¹Amy zay fotoa zay le ho volany amy ty olo toy manao hozo: " hisy tioky mandoro baka amy ty tany malemy ty efitsy hanao ty lalany ho amy ty anakampela ty oloko. Tsy hikororoky ndra hanasa ndrozy zay. ¹²Hisy tioky mare mandilatsy zay ho avy baka amy ty fandidiako,sady hanome sazy androzy rey Zaho.¹³Ingo, malmy manahaky ty raho ie, sady manahaky ty tsioky ty kalesiny. Malaky fandeha noho ty voromahery ty soavaliny. Loza ho ahintsika! ¹⁴Sasao hiala amy ty faharatia ty fonao ry Jerosalema mba ho avotsy iha. Ho zisiky ombia ty fandinahanao laliky mare no ho amy ty fahota? ¹⁵Fa nisy feo nanday vaovao baka a Dana, sady ty loza ho avy le re baka ambohity Efraima.¹⁶Anovy ty say ty firenena zao: Ingo, volano amy Jerosalema fa misy mpanao fahirano ho avvy baka amy tana lavitsy mba hila aly amy tana i Joda. ¹⁷Hanahaky ty mpiamby mihodidy amy ty baibo fambolea ndrozy hanohitsy azy, safe fa nially hanohitsy Ahy ie--- zay ty safa Yaveh ---¹⁸ sady ty fanajanareo ty vatanareo noho ty asanareo le hahavy raha rey aminareo. Zay ty fanasazia anareo. Le vatany hampangaroharo zay! Hamparary ty fonareo mihintsy aza ka!¹⁹Ry foko, ry foko! mavaka ty anaiko ao. mangitikitiky anaiko ato ty foko. Tsy afaky mi-tsy zaho safe reko ty feo ty anjomara, fanaira ho amy ty aly. ²⁰Ty loza andina ty loza; fa miperaky amy ty faharava iaby ty tany. Tselatsela avao le rava ty laiko, noho ty lambako tanay ty fotoa tsy ela. ²¹Zisiky ombia va ro hahitako ty raha mifanahaky amizay ? Ro hijanjinako ty feo ty anjomara? ²²Fa ty hagegea ty oloko--- tsy mahay Ahy ndrozy. Olo gegigegy ndrozy sady tsy mana fahazavan-tsay. Malaky amy ty fanao raty ndrozy, fe tsy mahay manao ty soa.²³Hitako azy tany iny. Ingo, Tsy misy endrikiny sady tsy misy dikany zay. Fa tsy nisy fahazava hoahy ty lanitsy teo. ²⁴Nitalaky ty vohitsy Zaho. Ingo, nihovitsovitsy rey, sady nihovitsovitsy koa ty tany abo. ²⁵Nanenty zaho. Ingo, tsy nisy ndra ia ndra ia,sady nilay iaby ty voro ty lanitsy. ²⁶Nanenty zaho. Ingo, tany maiky ty baiboho sady ty tana le nitariha nitsojo miatriky any yaveh, miatriky ty siaky ty helony."²⁷Zao ty safa Yaveh: "Ho avy ty fandrava ty tany iaby, fe tsy ho ravako iaby zay, ²⁸Noho ze antony zay le hisaona ty tany, sady hihamaiky ty lanitsy anabo ao; tsy hiemotsy Zaho; tsy hivaliky amy ty fanatanteraha androzy Zaho. ²⁹Hilay amy ty hiaky ty mpitikitsy soavaly noho ty mpandefa kititsy miaraky amy ty pala ty tana iaby;hilay ho agnala any ndrozy.Ty tana iaby le hiakatsy amy ty toera atriiky vatovato; ho tsy misy tana rey, safe tsy hisy olo hipetraka amirey.³⁰I henany zao lafa rava iha, ino ro hanovinao? Fa ndra misiky jaky aza iha, mihamy ravaky volamena, sady manao ty masonao bevata amy ty loko, azy lahilahy ze nitea anao le fa tsy nahoany iha amizao. Fe mila hanafaky ty ainao ndrozy. ³¹Le reko ty feo ty fijalia, fijalea manahaky ty fahateraha ty aja voalohan-teraky, le ty feo ty anakampela i Ziona. Sempotsy ie. mamelatsy ty tanany manao hoizao ie: 'Loza ho tiahy! kivy azy mpamono olo rey zaho.'"

Chapter 5

¹Milaisa mbamy lala ty Jerosalema rey iaby; mila avao koa amy ty jianka ty tanany. Sady diniho noho eritsereto ty momba zao: raha mahita ty olo ndra ia ndra ia manao ty haty sady miezaha handeha amy ty fahatokia, le hanenga any Jerosalema zaho. ²Ndra mivola hozao aza ndrozy: 'Laha mbo velo Yaveh,' le manao fiaina diso ndrozy." ³Ry Yaveh va lahy ty masonao tsy manenty fahamarina? Manisy ty olo Iha, fe tsy mahatiaro fahararea ndrozy. Nandresy androzy vatany Iha, fe tsy mbo mety mandramby fitsipiky ndrozy. Manao ty vatany hanahaky ty vato ndrozy, safe tsy nanenky hanafaky ty hadisoa. ⁴Le hozao tiasako: "Azo inoa fa olo mijaly avao rey. Gegy ndrozy, safe tsy mahay ty lala Yaveh, ndra ty lily ty Ndranaharindrozy. ⁵Hombamy olo anabo any zaho sady hivola ty hafatsy Ndranahary amindrozy, soa amizay ndrozy mahay ty lily Yaveh, azy ty lily ty Ndranahariny." Fe niaraky nandrava ty ziogany ie iaby; nanapaky ty ravaky vy ze namehy androzy tany Ndranahary ndrozy iaby. ⁶Lafa zay le hisy liona baka anay ty akata handrobna androzy. Hisy alika ly baka a Arabaha handrava androzy. Hisy leoparda mivony ho avy hanohitsy ty tanandrozy. Ze mandeha ambaliky ty tanany le ho rava. Fa mihamaro ty fandikan-dala ndrozy. tsy misy fetsy ty asa fivalihandrozy. ⁷Manino va zaho ro tokony hanenga olo rey? Nanenga ahy anakinao rey le nanao fiaina tany azy tsy ndranahary rey. NivitsignaKo soa ndrozy, fa nandranto ndrozy sady nandeha lakotamy ty trano ty makorely. ⁸Soavaly anay ty fahataira ndrozy. Nikarikarioky te hiaraky ndrozy. Ty lahilahy kiraikiraiky le samby nikoraky tany ty valy ty mpiharo petraky tiazy iaby. ⁹Tsy tokony hanasazy androzy rey va Zaho--- zay ty safa Yaveh---sady tsy tokony hanao valifaty manahaky zay va Zaho? ¹⁰Manganiha amy ty tany ty voaloboky mimanda sady poteho. Fe ka rava iaby ndrozy. Afaho ty voalobokindrozy safe tsy baka amy Yaveh voaloboky rey. ¹¹Fa le vatany namitaky ahy ty tariha Israely noho Joda---zay ty safa Yaveh. ¹²Niresaky diso mahakasiky Yaveh hozao ndrozy: "Tsy hanao ninonino ie; tsy hisy raty ho avy amitsika, sady tsy hahita mesobe ndra mosary tsika. ¹³Hanjary tsioky mpaminany rey, tsy amindrozy ty safa , le engaho hanovy amindrozy ze volanindrozy." ¹⁴Lafa zay Yaveh, azy Ndranahary ty lako le mivola hozao: " Safe nivola zay iha, le ingo , hengako ambava ty rano eo ty safako. Hanahaky ty afo zay, sady ty olo toy le hanahaky ty hazo! Safe handrava androzy zay. ¹⁵Ingo! handay firenena baka lavitsy hanohitsy anareo Zaho, ry tariha Israely--- zay ty safa Yaveh--- firenena maharitsy zay, firenena taloha! Zay le firenena tsy hainareo ty fivolanany, ndra ho azonareo ze volany. ¹⁶Ty trano ty anaky kititsiny le manahaky ty lolo mivoha. Miaramila iaby ndrozy iaby. ¹⁷Lafa zay le ho rava ty vokatsinareo, Ty anakilahinareo noho ty anakampelanareo avao koa, sady ty haninareo. Hihina ty aondry noho ty aosy rey; noho ty biby fiharinareo ndrozy; hihina ty vokatsy baka amy ty voaloboky noho ty hazo ty aviavinareo ndrozy. Handrava ty tana mimandanareo ze tamaninareo amy mesobe ndrozy. ¹⁸Fa ndra tany andro rey aza---zay ty safa Yaveh--- le tsy mana hevitsy handrava anareo mihintsy Zaho. ¹⁹Lafa mivo lahozaonareo, ry Israely noho Joda: ' Manino va Yaveh Ndranaharitsika manao raha manahaky rey tamitsika?' le bakeo iha, ry Jeremia, hivola hoizao amindrozy: ' Manahaky ty nahafaizanareo any Yaveh noho nanompoanareo ndranahary vahiny tany taninareo teo, le tsy maintsy hanompo vahiny amy tany ze tsy ahinareo avao koa nareo. ²⁰Volano amy tariha i Jakoba toy sady engaho zay ho rey i Joda. Volano hozao: ' ²¹Janjino touy, nareo ry olo gegy ze tsy mana fahazavan-tsany; ze mana maso fe tsy afaky mahita, sady mana sofy nareo fe tsy mahare. ²²Tsy matahotsy va nareo---zay ty safa Yaveh ndra mangitikitiky alohako eo va? Nanenga fasy nanohitsy ty riaky Zaho, lily fa tanteraky zay tsy afaky hova sasy zay--- ndra manonja aza ty riaky, le mbo tsy mampandopatsy azy zay. Ndra masiaky ty fanonjany le tsy handilatsy anizay. ²³Fa mana fo mafy ty olo toy. Mibio amy ty aly zay sady le manenga. ²⁴Safe ndrozy tsy nivola ty anany ao manao hozao: " Tokony havaka any Yaveh Ndranaharitsika, azy manday ty ora---azy lloha ty ora noho ty fara ty ora amy fotoa zay, mitanjaky herinadro voatingy ty vokatsy ho ahintsika rey." ²⁵Nitanjaky ty raha rey tsy hiboaha ty hadisoanareo. Nisaka ty soa ho avy aminareo ty fahatanareo. ²⁶Safe hitako tany oloko rey ze raty fanahy. Manenty manahaky ty olo mietaky hanambotsy voro ndrozy; nametaky fandriky ndrozy le nisambotsy olo. ²⁷Manahaky ty toera atriaky voro, le atriaky verivery ty tranondrozy. Le mihamaro ndrozy le nanjary mpanarivo. ²⁸Niha vondraky ndrozy; nipiriaky amy ty fahalangia. Nanonoriky ty faharatia iaby ndrozy. Tsy mitoreo amy ty raha mahazo ty olo ndrozy, ndra ty raha mahazo ty kamboty. Arova ndrozy ndra tsy manome haty amy ty olo mila fanampia aza. ²⁹Tsy tokony hanasazy androzy amy ty raha manahaky rey va Zaho--- zay ty safa nivolanany Yaveh--- sady tsy hamaly faty ty firenena manahaky toy va Zaho? ³⁰Fangaroharoa noho ty menasy ro hiseho tany azy iny teo. ³¹Manao kisary maminany azy mpaminaniny rey, sady manapaky amy ty fahefany manoka azy mpisoro rey. Tia ty oloko zay, fe ino vasa ro hiseho amy ty farany any?"

generated on Fri Feb 28 02:15:13 2025

Chapter 7

¹Zao ty safa niavy tamy Jeremia baka amy Yaveh:² " Mitsangana ambavahady Yaveh eo le volano safa toy! Volano hozao: "Janjino ty safa Yaveh, nareo Joda iaby rey, nareo ze militsy amy vavahady rey mba hanompo any Yaveh. ³Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary ahin'Israely, le nivola hozao: amboaro ty lalanareo sady manaova ty soa, le hanohy hiay amy toera toy Zaho.⁴ Ka mitama amy ty safa mamerivery manao hozao rey: "Fiangona Yaveh! Fiangona Yaveh! Fiangona Yaveh!"⁵Fa laha vatany manamboatsy ty lalanareo sady manao ty soa; laha vatany manantanteraky ty hato vatany amy ty olo eo noho ty mpiharo petraky aminy vatany nareo--- ⁶laha tsy manararaotsy azy niegny amy azy tany igny teo, kamboty rey, ndra tsy manambaly rey nareo le ka mandatsaky lio nolo tsy mana hadisoa amy toera zay eo, sady ka manoriky ty ndranahary hafa mampijaly ty vatanareo avao--- ⁷le hengako hipetraky amy toera toy nareo, amy ty tany ze hameako ty razanareo rey tamy ty andro taloha sady ho zisiky amparany.⁸Ingo! Nareo le mitama azy safa verivery ze tsy manampy anareo . ⁹Vasa mangalatsy nareo, mamono, noho mandranto? Mifanta amy ty verivery va nareo sady manesy ditin-kazo manitsy hoahy Bala sady manoriky ndranahary hafa mbo tsy hainareo rey? ¹⁰Le niavy hitsanga anilako eo amy trano toy ze nikaiha amy ty anarako va nareo sady hivola hozao: " Avotsy zahay," mba hahaiza nareo manao raha fahatany iaby rey? ¹¹Vasa trano toy,ze manday ty anarako, andian-jolahy amasonareo eo? Fe ingo,fa nihitako zay--- zay ty safa Yaveh.¹²Le mandina amy ty fipetrahako ze a Silo,Ze nanengako ty anarako hipetraky ampiandohana, sady henteo ty nanaovako azy noho ty faharatia ty olon'Israely. ¹³Le henany zao, noho ty fananovanareo ty fanaonareo iaby rey--- zao ty fanambara Yaveh--- fa nivola taminareo avao Zaho bakany bakany rezay, fe tsy ninjanjy nareo.nampikaiky anareo Zaho, fe tsy namaly nareo. ¹⁴Lafa zay, ze nanoviko tamy Silo, le ho nantaoko amy trano toy ze nikaiha amy ty anarako toy, azy trano ze nitamaninareo, toy ty toera ze nameako anareo noho ty razanareo toy. ¹⁵Fa handroaky anareo tsy ho anatrehako eto Zaho manahaky ty nandroahako ty rahalahinareo iaby, azy tariha Efraima iaby.¹⁶Laha ty aminao, ry Jeremia,ka mivavaky hoahy ty olo toy, sady ka manakatsy ty fitoreva fitomania ndra manono vavaky amy ty anarandrozy, ka mangataky amiko, fa tsy hijanjy anao Zaho. ¹⁷Vasa tsy hitanao ty ataandrozy amy ty tana i Joda noho amy ty lala i Jerosalema? ¹⁸Mamory hazo ty aja le ty saiky mampirehitsy afo! Azy ampela rey mandisa koba hanamboara mofo mamy hoahy ty mpanjaka ampela ty lanitsy noho mandraraky fanday hinoma hoahy ty ndranahary hafa mba hikizahandrozy Ahy.¹⁹Le vatany mihaty aly ahy va ndrozy? ---zao ty safa Yaveh---vasa tsy vatandrozy avao ro hiantandrozy, le amindrozy avao ty famenara zay? ²⁰Lafa zay le zao ty safa ty Tompo Yaveh: 'Ingo, ty heloko noho ty siakiko le ho avy amy ty toera toy, amy ty olo noho ty biby ly, amy ty hazo amy ty baibo noho ty voa amy ty tany. Hirehitsy zay sady tsy ho maty mihintsy.²¹Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako,Ndranahary Israely: 'Ampio amy ty soronareo noho ty hena baka amy ty fanday oroanareo. ²²Fa lafa manday ty razanareo hiala baka Egypta ao Zaho, le tsy nnila ndra ino ndra ino tamindrozy. Tsy nanome lily androzy mikasiky ty fanday oroa noho ty soro Zaho. ²³Lily zao avao ro ameako androzy: " Janjino ty feoko, le ho Ndranaharinareo Zaho le nareo ho oloko. Ke mandina amy lala iaby ze nandidiako anareo,mba hahitanareo soa."²⁴Kanefa tsy nijanjy ndrozy sady tsy nidary. Niay tamy ty finirian-draty ty fondrozy avao ndrozy,ka mihemotsy, fe tsy nandroso. ²⁵Baka amy andro niboaha ty razanareo baka amy ty tany Egypta le zisiky amizao, lefa nandefa ty kiraikiraiky tamy ty mpanompoko, tamy nareo tany Zaho. Niaritsy tamy ty fampandina androzy Zaho. ²⁶Fe tsy nijanjy Ahy ndrozy. Tsy nidary ndrozy. Fe , nanamafy ty lohandrozy. Raty fanahy mandilatsy ty razambeny ndrozy.²⁷Le volano amindrozy azy safa iaby rey, fa tsy hijanjy anao ndrozy. Volano amindrozy zay raha iaby zay,fa tsy hamaly anao ndrozy. ²⁸Volano ndrozy fa toy ty firenena tsy mijanjy ty feo Yaveh Ndranaharinany sady tsy mandramby fananara. Simba ty fahamarina sady niala tambavandrozy.²⁹Tapaho ty volonao le harato ty vatanao, le ario ty volonao. Mihira hira fisaonana ankalamanjana eny. Fa Yaveh fa tsy nanenkynoho nahafoy ty tariha toy tamy ty helony. ³⁰Fa nanao raty ta imasoko eo ty anaky Joda---zay ty fanambara Yaveh--- nandefa ty raha mapangaroharo androzy tamy ty trano ze nikaiha tamy ty anarako ndrozy, mba handoto zay.³¹Bakeo le namboatsy toera anabo ahy Tofeta ze amy ty andoha ty baibo ahy Ben- Hinema ndrozy. Nanao anizay ndrozy hanoroa ty anakilahy noho ty anaka-mpela ndrozy amy ty afo--- raha ze tsy handidiako, ndra nilitsy tamy ty saiko mihintsy. ³²Le ingo,hoavy ty andro--- zay ty safa Yaveh--- lafa tsy ho kaiha Ofeta na baibo ty famonoa zay; handevy ty faty a Tofeta ndrozy zisiky tsy hisia ty toera sasy.³³Ty faty ty olo toy le ho hany ty voro ty lanitsy noho hoahy ty biby ty tany, sady tsy misy ndra ia ndra ia hampatahotsy androzy sasy. ³⁴Ho faranako ty tana Joda rey noho ty lala i Jerosalema, ty feo ty fifelia noho ty feo firevoravao , ty feo ty mpampakatsy noho ty feo ty ampankary, fa ho tsy hisy ty tany."

Chapter 8

¹"Amy zay fotoa zay--- zao ty sava Yaveh---handesindrozy miboaky ty lolo ty taola ty mpanjaka i Joda noho ty manam-pahefa, azy taola ty mpisoro rey ty mpipetraka a Jerosalema. ²Sady ho aparitakindrozy eo amy ty fahazava ty mahasoandro noho ty vola sady ty kintana iaby amy ty lanitsy rey;ty raha ze amy ty lanitsy ze norihindrozy noho nitompoany, ze notompoany noho nihadihadiandrozy rey. Tsy havory ty taola sady tsy halevy sasy. Hanahaky ty zeziky amy ty habe ty tanindrozy. ³Amy ty toera iaby sisa nenga ze nanandesako androzy, le hitingy fahafatesa ndrozy fe tsy miay,ty sisa iaby mbo velo amy ty firenena raty toy---zay ty safa Yaveh tompoa ty lako.⁴Le volano hozao ndrozy: 'Zao ty safa Yaveh: Nisy nilavo va le tsy nitsanga? Nisy olo nivevy va le tsy nimpoly? ⁵Fa manino ty olo toy, ry Jerosalema, ro nibio maharitsy tamy tsy fanana finoa? Mitanjaky ty verivery ndrozy sady tsy manenky hivavaky.⁶Nidary soa zaho sady hijanjy,fa tsy nivola ty to ndrozy; tsy nisy niala tsiny tamy ty haratiany,tsy ndra raiky aza nivola hozao: " Ino va nanoviko toy?" Nimbamy ze niteany iaby ndrozy iaby,manahaky ty soavaly lahy milomay amy ty aly. ⁷Ndra ty vano amy ty lanitsy aza mahay ty fotoa mety;noho ty piroke, sidintsidina, noho ty vanobe. Mandeha amy ty fifaloza fipetraka ndrozy amy ty fotoa mety, fa ty oloko le tsy mahay ty lily Yaveh.⁸Amy fomba akory ro hivolananareo manao hozao: "Hendry tsika"? Eka vatany, Ingo! Ty stylo mpamerivery ty mpandika lily le fa namoro vandy. ⁹Ty lahilahy hendry le ho latsa-baraka. Navaka ndrozy sady voafandriky. Ingo! Nanda ty safa yaveh ndrozy, le hahoa ino va ty fahendrozy? ¹⁰Le hanome ty valindrozy rey hoahy ty hafa Zaho, sady ty baiboandrozy hoahy ze mana rey ho hanagna, safe manomboky amy ty kely mare le zisiky amy ty bevata mare, ndrozy iaby le tea ndrala azo baka amy ty tsy to. Baka amy ty mpaminany le zisiky amy ty mpisoro, ndrozy iaby le manao verivery.¹¹Nampijanga ty ratsy ty lako mare avao ndrozy, nivola hozao: "Fiadana, fiadana," tamy tao mbo tsy nisy fiadana. Menatsy va ndrozy lafa manao ty raha fahatany? ¹²Tsy menatsy ndrozy; tsy haindrozy ty atao mihamena! Le hiravoky amy ty tonta ndrozy; handesy mijotso ndrozy lafa nosazia, hoasa Yaveh. ¹³Halako vatany ndrozy---zay ty safa Yaveh---tsy hisy voaloboky amy ty hazo ty voaloboky, ndra amy ty hazo ty aviavy aza le tsy hisy aviavy, le ze nameako androzy le ho rava.¹⁴Manino va tsika ro mipetraky eto? Ndao hiaraky; ndao tsika ho amy ty tana le vatany narova, sady hanjary hintsy amy ty fahafatesa any tsika. Fa hampitsy antsika Ndranaharitsika. Hampino rano misy poizy antsika Ie, safe fa nanao hadisoa taminy tsika. ¹⁵Mita fiadana tsika, fe tsy hisy raha soa. Mita fotoa fanafaha tsika,fe ingo, hisy horohoro.¹⁶Re baka a Dana ty faneno ty soavaly lahiny. Mihozongozo iaby ty tany noho ty faneno ty soavaly matanjaky. Fa ho avy ndrozy sady handrava ty tany noho ty hanagnany, ty tana noho ze mipetraky ao. ¹⁷Fa ingo, handefa bibilava aminareo Zaho, le vipera tsy ho azonareo tambetambezy. Hanekitsy anareo rey--- zay ty safa Yaveh."¹⁸Tsy misy fahatampera ty alaheloko, sady marary ty foko. ¹⁹Ingo! Ty feo mikoraky ty anakampela ty oloko baka an-tany lavitsy! Tsy a Ziona ao va Yaveh? Na tsy ao koa va ty mpanjakany? Manino zany ndrozy mahameloky ahy amy ty endrik'asa namboariny noho ty sampy vahiny tsy misy ila azy?²⁰Fa nandalo ty fotoa famoriam-bokatsy. Fe tsy novonjea tsika. ²¹Naratsy zaho noho ty ratsy ty anakampela ty oloko. Miferianay amy ty raha mampangaroharo ze nahavoa ahy zaho. Tsy²² misy fanafody va a Giliada ao? Manino va tsy niseho ty fanafaha ty oloko?

Chapter 9

¹Laha mba afaky mamoa rano lahy ty lohako, sady ty masoko ho loharano-Ndranomaso! fa maniry hitany andro noho haly zaho hoahy ty anakampela ty oloko ze nivonao. ²Laha mba misy olo afaky manome ty toera hoahy ty mpivahiny ho tioahy hipetraha anefitsy any e, ze afaky hanengako ty oloko. Laha mba afaky manenga androzy reylahy zaho, safe ndrozy aby le mpandranto noho andiana mpamaliky! ³Yaveh le nivola hozao: "Manenja ty kititsy ty vandy amy ty lelany ndrozy, fe noho ty tsy fahatokiandrozy ro nampatanjaky androzy tamy ty tany. Niala tamy ty asa raty raiky ndrozy le militsy amy ty raiky hafa koa. Tsy mafahay Ahy ndrozy." ⁴Nareo kiraikiraiky iaby, mitandrema amy ty namanareo sady ka matoky ty rahalahy rey. Fa le vatany mpamitaky iaby ty rahalahy, sady ty nama iaby le mandeha amy ty fanarasara. ⁵Ty olo kiraikiraiky le tsy mampisy dikany ty namany iaby sady tsy mivola ty mary. Ty lelandrozy le mampianatsy raha verivery. Vozaky amy ty fanaova raha raty ndrozy. ⁶Ty fipetrahanareo le anivo ty vandivandy; tanay ty vandivandindrozy le tsy nanenky hanenky Ahy ndrozy--- zay ty safa Yaveh. ⁷Yaveh Tompoa ty lako mivola hozao: "Ingo, Zaho fa nanenty ty toetsy noho hitsapa androzy, fa ino avao koa ro afaky anoviko, amy ty raha natao ty oloko? ⁸Ty lelandrozy le anaky kitsitsy maranitsy; miresaky raha tsy atokisa ndrozy. Amy ty vava ro ivolanany fiadana amy ty namany rey, amy ty fony ro nanovany otriky hoahindrozy. ⁹Tsy tokony hanasazy androzy va Zaho noho amy ty raha rey--- safa Yaveh zay--- sady tsy tokony halaly faty amy ty firenena manahaky zay va ty vatako? ¹⁰Hihira fisaona noho fitoretoreova hoahy ty vohitsy Zaho, sady ty hira fandevena le hira amy ty tany akata. Fa noroandrozy tsy misy afaky madrio amizay. Tsy hahare feo ty biby fihary sasy ndrozy. Azy voro ty lanitsy noho ty biby le milay iaby. ¹¹Le anovoko ho antotampandrava i Jerosalema, noho fivonia ty alika ly. Azy tana i Joda rey le fananoviko toera tsy misy mpipetraky." ¹²Ia va ty olo hendry mahatakaty zay? Hoahinia ty nivolana ty vava Yaeh, le hivola zay ie? Fa ino ty nahasimba ty tany noho nanimba azy manahaky ty efitsy ze tsy afaky andriova ndra ia ndra ia? ¹³Hozao tiasa Yaveh: "Safe ndrozy nahafoy ty liliko ze nengako talohany teo, safe tsy nijanjy ty feoko na nandeha tamizay ndrozy. ¹⁴Safe ndrozy nandeha tamy ty heriloha ty fony noho nanoriky ty Bala rey tany mampianary ty razandrozy rey hanovy. ¹⁵Lafa zay Yaveh Tompoa ty lao, azy Ndranahary Ysraely, mivola hozao: 'Ingo, hampihinaniko hazo mafaitsy noho hampinomiko rano misy poizy olo toy. ¹⁶Sady haporitako heniky firenena rey ze mbo tsy haindrozy, ndra ndrozy ndra ty razandrozy. Handefa mesobe hanisy androzy rey Zaho zisiky haharava androzy mihintsy.'" ¹⁷Yaveh Tompoa ty lako mivola hozao: "Eritsereto zao: Mikaiha hira fandevena; enganie ndrozy ho avy. Mampikaiha ampela manam-pahaiza amy ty fitannia; engaho ndrozy ho avy. ¹⁸Tokony ho avy malaky ndrozy le hihira hira fisaona amitsika eto, le ho atsiky ranomaso lahy ty masotsika sady ho atsiky rano ty holimasotsika. ¹⁹Fa ty feo ty fitoretoreva le re baka a Ziona, 'Toy lahy ty faharavatsika. Le vatany menatsy tsika, safe fa nanenga ty tany tsikabaka amy ty nandravany ty tranotsika.' ²⁰Le nareo ampela, janjino ty safa Yaveh; tandremo ty hafatsy baka amy ty vavany. Le ampianaro hira fisaona ty anakampelanareo, sady hira fandevena ty ampela namanareo kiraikiraiky iaby. ²¹Fa ty fahafatesa le avy baka amy ty fenetra tsika; nilitsy amy ty tranotsika zay. Mandrava ty aja baka ambalaky any rey zay, noho ty pamaraky amy ty kianja ty tana. ²²Volano zao, "Zay ty safa Yaveh--- ty faty ty lahilahy rey le hiraraky manahaky ty zeziky am-baiboho, sady le hanahaky ty fehim-bary afara ty mpanapaky, sady tsy hisy olo hamory anizay.'" ²³Zao ty vola Yaveh: "Tokony tsy hirengirengy amy ty fahendreanny ty hendry, na ty lahilahy mpialy amy ty heriny. Tokony tsy hirengirengy amy ty hanagnany ty mpanarivo. ²⁴Fa laha misy olo mirengirengy amy raha, le engaho amizao zay, fa mahay Ahy noho ty anaiko ao ie. Fa Zaho ro Yaveh, ze miasa amy ty fanenkea tsy mivaliky, ty rariny noho ty hhitiny amy ty tany. Fa amizay ro ananako fiadana--- zay ty safa yaveh." ²⁵Ingo, avy ty andro--- zay ty safa Yaveh--- lafa hanasazy ty nosavary iaby amy ty nofiny avao Zaho. ²⁶Hanasazy any Egypta noho Joda, Edoma, ty olony Amona, Moaba, sady ty olo iaby ze manapaky vty volon-dohany ho le vatany fohy Zaho. Fa azy firenena rey iaby le tsy nisavary, sady ty longo Israely iaby le mana fo tsy nisafary."

Chapter 10

¹Janjino ty safa ze nambara Yaveh anareo, ry longo Israely. ²Zao ty safa Yaveh: "Ka mianatsy ty lily firenena rey, sady ka mavaka ty amy famantara amy lanitsy any, fa azy firenena rey le mavaka mandilatsy rey." ³Fa ty fomba fanao ara-pivavaha azy olo rey le tsy misy dikany. Nanapaky hazo tanala tany ndrozy, sady ty mpanao asa tana misingotsy ty hazo. ⁴Bakeo le haminandrozy amy ty volafoty noho ty volamena zay. Tovona amy ty fitantana noho ty fantsiky mba tsy hiravoky zay. ⁵Ty amboara ty tanandrozy le raha manahaky rey toha mampatahotsy ambaibo ty kokombra, safa ndrozy koa le tsy afaky mivola ndra ino ndra ino, sady tsy maintsy onjonindrozysafo tsy afaky mandeha. Ka mavaka androzy, fa tsy afaky handay raty, ndra raha soa rey." ⁶Tsy misy olo manahaky Anao, ry Yaveh. Bevata Iha, sady sady bevata amy ty hery ty anaranao. ⁷Ia va ro tsy manahaky Anao, ry Mpanjaka ty firenena rey? Fa zay ro sahaza Anao, safa tsy misy manahaky Anao amy ty lahilahy hendry iaby amy ty firenena ndra ty fanjaka ty mpanjaka iaby. ⁸Mivanahaky iaby ndrozy, tsy mahay raha noho gegy ndrozy, mpianatsy ty sampy rey fe tsinotsino fa hazo. ⁹Ndrozy rey le manday tantana folafoty baka a Tarsisy, noho voalamena baka a Ofaza nanovy ty mpanao asan-tana, le ty tana ty mpandentiky. Ty sikindrozy le siky bleu noho violet. Ty lahilahy mahay androzy ro nanao raha kila raha iay rey. ¹⁰Kanefa Yaveh ro Ndranahary to. Ndranahary velo noho mpanjaka mandrakizay Ie. Mangitikitiky amy ty helony ty tany, sady tsy afaky miaritsy ty helony firenena rey. ¹¹Hiresaky amindrozy manahaky zao iha: "Azy ndranahary ze tsy namboatsy ty lanitsy noho ty tany le ho maty amy ty tany noho ambany ty lanitsy io." ¹²Fa Ie ro namboatsy ty tany tany alala ty heriny, noho nametraky zao tontolo zao tany ty fahendreany, sady tany alala ty fahazavan-tsainy ro namerany ty lanitsy. ¹³Ty feony ro nampaneno ty rano amy ty lanitsy eny, sady Ie ro nampiakatsy ty zavo baka amy ty fara ty tany. Manao ty helatsy hoahy ty ora le sady mandefa ty tsioky baka amy ty trano fanajaria. ¹⁴Nanjary tsy ampy fahaiza ty olo iaby, tsy misy fahaiza. Nallatsa ty sampiny baraka ty mpiasa vy iaby. Fa fitaky ty sarindraha voasikotsy; ¹⁵Tsy misy fiaina ty amindrozy ao. Tsy misy ila androzy, asa ty mpanakiotsy rey; ho tsy hisy rey amy ty fotoa ty haiky. ¹⁶Fe Ndranahary, azy ampaha i Jakoba, le tsy hanahaky rey, fa Ie ty mpanamboatsy ty kila raha iaby. Israely le fokoa ty lovany; Yaveh Tompoa ty lako ty Anarany. ¹⁷Avorio ty hanagnanareo, le miala amy ty tany, nareo olo miperaky ambany ty fahirano. ¹⁸Fa hozao tiasa yaveh: "Ingo, amy zao fotoa zao fa handroaky ty mpipetraky amy tany Zaho. Hahavy fijalia amindrozy rey zaho, sady ho hitandrozy vatany zay." ¹⁹Loza ho tiahy! Noho ty fahatapaha ty taolako, le hanonotsy ty feriko. Le hozao tiasako: "Le vatany fijalea zao, fe tsy maintsy zakaiko," ²⁰sady ty taly ty laiko iaby le nizara roe. Fa nalandrozy tamiko ty anako, le tsy nisy sasy ndrozy. Tsy misy olo hamelatsy ty laiko ndra hampitsanga ty lamba laiko sasy. ²¹Fa gegy azy mpiaraky aondry rey sady tsy mila any Yaveh ndrozy; le tsy narova ndrozy, sady ty aondry ndrozy iaby le niparitaky. ²²Fa niavy ty mpanday vaovao: "Ingo, avy, avy baka avaratsy ty horohoro tany bevata. mba handrava ty tana i Joda, fivonia hoahy ty alika ly." ²³Haiko, lahy Yaveh, fa ty lala ty olo raiky le tsy baka aminy. Tsy misy olo mandeha mahity amy ty liany. ²⁴Ampinaro amy ty fahamarinanao zaho, lahy Yaveh, fa tsy amy ty helokinao le handrava ahy Iha. ²⁵Alatsaho amy ty firenena ze tsy mahay Anao noho ty fianakavia ze tsy mikaiky ty Anaranao ty helokinao. Fa nagnaramo any Jakoba noho nitely azy mba handrava azy mihintsy noho hamotiky ty fipetrahandrozy.

Chapter 11

¹Zao ty safa ze niavy tammy Jeremia, manao hozao: ²"Janjino ty safa ty fifanaraha toy, sady le ambarao amy olo kiraikiraiky a Joda ao noho ty mpipetraka a Jerosalema ao zay.³Mivolana hozao amindrozy: 'Yaveh, Ndranahary Israely ro mivola hoizao: Voa hakeo ze tsy mijanjy azy safa ty fifanaraha toy. ⁴Toy ty fifanaraha ze nandidiako hotandrema ty razanareo tamy ty andro nanandesako androzy rey hiboaky ty tany Egypta, amy ty lafaoro bevata fampitranaha vy. Le hivola hozao zaho: "Janjino ty feoko sady tanteraho ty kila raha iaby araky ze nandidiako anareo, fa ho oloko nareo sady Zaho ro Njanaharinareo." ⁵Manaja Ahy mba hahazako manamafy ty fanta ze nifantako tamy ty razanareo, ty fanta fa hanome androzy tany atsiky ronono noho tantely Zaho,ze hipetranahareo henany."Sady zaho, Jeremia, namaly le nivola hozao: Eka, lahy Yaveh!"⁶Le nivola hozao tamiko Yaveh: "Volano amy ty tany Joda any noho amy ty lala i Jerosalema any raha iaby rey. Volana hozao: 'Janjino ty safa zao fifanaraha zao sady tanteraho rey. ⁷Fa nanome lily sarotsy hoahy razanareo rey zaho nanomboky nanandesako azy tamy tany Egypta le zisiky henany zao, nampitandry androzy tamy ty fanadaria le nanao hozao: "Janjino ty feoko.""⁸Fatsy hijanjy ndra hidary ahy mihintsy ndrozy. Samby mandeha araky ty fanorihany ty foratiny ty olo kiraikiraiky. Le nanday ty voa hakeo tamy ty fifanaraha ze nandidiako zaho mba ho avy hanohotsy androzy. Fe mbo tsy nidary avao ty olo."⁹Le nivola hozao tamiko Yaveh: "Nahita hevitsy raty tamy ty olo Joda noho ty mpipetraka ta Jerosalema. ¹⁰Nimpoly tamy ty hadisoa ty razany taloha teo ndrozy, ze tsy nanenky tsy hijanjy ty safako, fa naninandrozy nanoriky ty ndranahary hafa mba hanompo androzy. Nivaliky tamy ty fifanaraha ze nengako niaraky tamy ty razan-drozy ty tariha i Joda noho ty tariha i Jerosalema."¹¹Lafa zay le hozao tiasa safa Yaveh: "Ingo, handay loza hoahindrozy rey Zaho, loza ze tsy ahaizandrozy hilay. ¹²Le hikaiky Ahy ndrozy, fa tsy hijanjy androzy Zaho. Handeha noho hikaiky azy ndranahary ze naneseandrozy fanday ty tana i Joda noho ty mpipetraky a Jerosalema, fe azo antoky fa tsy hahavonjy androzy amy ty fotoa ty loza ndrozy. ¹³Ho ahinao lahy Joda, le nihamaro manahaky ty tananao ty isa ty ndranaharinao. Iha ro nanamboatsy ty isa alitara mahamenatsy ta Jerosalema tao, alitara ty ditin-kazo aminitsy hoahy Bala, hifanahaky isa amy lalany rey."¹⁴Ka iha, lahy Jeremia, ka mivavaky hoahy ty olo toy. Ka mangataka na mivavaky amy ty anarandrozy. sady tsy hijanjy androzy zaho lafa mikaiky ty anara ty lozany ndrozy. ¹⁵Nanino ty malalako,azy raiky ze nana faniria raty lako mare iny, ro an-traniko ao? Tsy afaky manapy anao ty hena ty fandainao rey. Manao fety noho ty asaratinao rey. ¹⁶Hazo Oliva maro ravy tynikaiha Yaveh anao taloha, soa miaraky amy ty voany, mampi-te hanenty. Fa hampirehitsy afo amizay eo ie ze haresaky manahaky ty feo ty hotroky; ho tampaky tahony rey."¹⁷Fa Yaveh Tompoa ty lako ze namboly anao, nandidy loza taminao noho noho ty asa raty ze nanovy tariaha Israely noho ty tariha i Joda— Nahameloky ahy ndrozy tamy ty nanesea fanday hoahy Bala."¹⁸Nampahaizy Yaveh ahy ze raha zay, le haiko rey. Iha, ry Yaveh, nampahita ahy ty asandrozy rey. Le manahaky ty anaky aondry tsy manahy ¹⁹ze nandesy amy ty mpamarotsy hena zaho. Tsy nahay zaho fa namoro faniria raty hanohitsy ahy ndrozy hanao hozao: " Ndao horavatsika ty hazo noho ty voany! Ndao ho tapahitsika hhiala amy ty tany fipetrahany ie le tsy ho tiarova sasy ty anarany."²⁰ Fa Yaveh Tompoa ty lako ro mpitsara to ze mandiniky ty fo noho ty say. Ho vavolombelo ty famalianao hanohitsy androzy zaho, fa nampanenteako anao ty mikasiky ahy."²¹Lafa zay le nivola hozao mikasiky ty olo any Anatota Yaveh ze minisy ty aianao: "Hozao tiasandrozy: 'Ka maminany amy anara Yaveh iha, tsy noho maty amy alala ty tananay. ²²Le hozao tiasa Yaveh Tompoa ty lako: 'Ingo, fa nahafay androzy zaho. Ty mpamaraky maherindrozy le ho maty ty mesobe. Ty anakilahy noho ty anakampelandrozy le ho maty ty mosary. ²³Tsy hisy ndra raiky aza ho henga amindrozy, safe handay loza hanohitsy ty olo any Anatota zaho, tao raiky ho fanasazia androzy.

Chapter 12

¹To iha, lahy Yaveh, saky mifamaly Aminao zaho. Tokony hivola ty antony hitoreovako Aminao zaho: Manino va lala ty raty fanahy ro velo? Ty olo tsy mana finoa iaby le velo. ²Nambolenao ndrozy le nitiry faka. tsy miegny misy voa ndrozy. Anila ty vavandrozy rey Iha, fe lavitsy ty fondrozy. ³Fa Iha, lahy Yaveh, mahay ahy. Mahita ahy iha sady manenty ty toetsy ty foko aminao. Andesi manahaky aondry hova ndrozy, sady hatoka amy ty andro famonoa! ⁴Zisiky ombia va ty tany ro ho maiky avao, noho ty raha mitiry ambaibo iaby halazo amy ty haratia ty mpipetraky aminy ao? azy biby noho voro rey fa nala. Fa hozao tiasa olo rey: "Tsy hai-Ndranahary ty hahazo antsika." ⁵Hozao tiasa Yaveh: "Eka vatany, laha iha, lahy Jeremia, fa niaraky nilomay tamy ty miaramila mpandeha antomboky sady hirengerengea ndrozy iha, nanao akory ty nifaninanao tamy ty soavaly? Laha miravoky amy ty tana azo antoky iha, manao akory ty hataonao amy ty akata lako anila ty sisys Jjordana eny? ⁶Fa ndra ty rahalahinao noho ty longo ty babanao aza fa nivaliky taminao sady fa nanasara mare anao. Ka matoky androzy, ndra mivola raha hsoa aminao aza ndrozy. ⁷Fa nengako ty tranoko; fa nhafoy ty lovako. Nanome ty olo malahelo tan-tana ty fahavalony rey teo Zaho. ⁸Fa nandeha manahaky ty liona anay ty ala lako ho tiahy ty lovako; manenga ty vatany hanohitsy ahy tamy feony ie, le nibokako ie. ⁹Tsy manahaky ty voro mpizaha va ty loka fanagnako, ro hanohitsy ahy ty voro mpizaha hafa iaby manodidy? Mandina le vorio iaby ty biby le andeso hitely androzy rey. ¹⁰Mpiaraky aosy lao ro fa nanimba ty tany voaloboky. Fa nikitsakitsahany ty anjara ty taniko iaby; nampanjariany tany efitsy noho tsisympipetraky ty anjara taniko soa iny. ¹¹Nampanjariandrozy tsisy mpipetraky ie, Malahelo azy zaho; tsy misy mipetraky ie. Ty tany iaby le nanjary tsy misy mpipetraky, safe tsy nisy ndra raiky nidary azy tamy fo. ¹²Mpandrava rey le niavy hanohitsy ty toera tsy misy iaby tanefitsy rey, fa ty mesobe any Yaveh le mandrava baka amy ty fara ty tany zisiky amy ty tany raiky hafa. Tsy misy fiadana amy ty tany ty raha managnay iaby. ¹³Namafy vary ndrozy fe fatiky ro vokatsy. Vozaky tamy ty asa ndrozy fe tsy nahazo ndra ino ndra ino. Le meteza ho menatsy amy ty voakatsinareo noho ty heloky Yaveh." ¹⁴Zao ty volany Yaveh tamy ty mpiharo petraky amiko iaby, ty raty fanahy ze nandrava ty hanagna ze nanoviko ho lova ty Israely oloko, "Ingo, Zaho azy toka ze hanombotsy androzy amy ty taniny, le hombotako tsy ho amindrozy ty trano ahy Joda. ¹⁵Afara zay le ho ho ravako firenena rey, sady hahafarinay androzy zaho sady handay androzy himpoly; hampipoly androzy zaho--- ty olo kiraikiraiky samby amy ty lovany noho amy ty taniny. ¹⁶Laha mianatsy soa ty fomba ty oloko firenena rey, le mifannta amy ty anarako 'laha mbo velo avao koa Yaveh' manahaky ty fa nampianarindrozy ty oloko mba hifanta amy Bala, le hamboary anivo ty oloko ndrozy. ¹⁷Fa laha misy tsy mijanjy le ho ravako firenena zay. le vatany hombota zay sady ho rava--- zay ro safayaveh."

Chapter 13

¹Hozao ty safa Yaveh tamiko: "Mandina le mivilia somizy rongony foty le feheo amy ty amy ty valahanao zay, fe katao anay ty ranoeo aloha zay." ²Le nivily somizy ze nitariha Yaveh ahy zaho, le nafehy tamy valahako zay. ³Le niavy tamiko fanindroa ndraiky ty safa Yaveh, nanao hozao: ⁴"Rambeso ty somizy ze baka niviliana ze ambalahinao eo, mitsangana le mandina amy eofrata. Avonio anay ty lakato zay." ⁵Le nandeha zaho le namony zay ta Eofrata rey teny araka ty nampananoviny Yaveh ahy. ⁶Afaky fotoa elaela, le nivola hozao tamiko Yaveh: "Miongaha le mandina mimpoly amy Eofrata any rey. Alao bakao azy somizy ze nivolaniko navoninao iny." ⁷Le nimpoly ta Eofrata tany zaho le nihaly ty tao azy namoniako ty somizy. Fe ingo! Simba azy somizy iny; tsy soa sasy ie. ⁸Bakeo le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ⁹"Hozao tiasa Yaveh: Manahaky zay ty fomba handdravako ty fiavonavona bevata ahy Joda noho Jerosalema. ¹⁰Io olo raty ze tsy manenky hijanjy ty safako io, ze mandeha amy ty fahaheriloha ty fonddrozy, ze manoriky ndranahary hafa mba hanompo rey noho handohaliky amireny---hanahaky zay somizy zay ndrozy ze soa fa tsy misy ila azy. ¹¹Fa manahaky ty somizy raiky mipitiky amy ty valahan'olo, le manahaky zay koa ty nananovako ty tariha Israely noho ty tariha any Joda hipitiky Amiko---zay ty safa Yaveh---mba ho oloko, mba handay laza noho rengirengy, sady voninahitsy ho Tiahy. Fe tsy nijanjy ahy ndrozy. ¹²Le tokony hivola zao safa zao ho tiahindrozy rey manao hozao iha: 'Yaveh azy Ndranahary ahy Israely le mivola hozao: Ty folako iaby le ho atrikey divay.' Hivola hozao aminao ndrozy: 'vasa tsy hainay vatany va fa tsy ho atrikey divay iaby ty filako iaby?' ¹³Le volano hozao ndrozy: 'Hozao tiasa Yaveh: Ingo, ho mamoko iaby ty mpiperaky iaby amy tany toy, azy mpanjaka ze mipetaky amy ty seza fiadana i Davida, azy mpisoro, mpaminany, sady ty mpipetraky a Jerosalema iaby. ¹⁴Le ampialiako ndrozy, azy baba noho ty anaky miharo---zay ty safa Yaveh--- tsy hahaferinay androzy rey zaho ndra hana fo mitretrea, sady tsy hanafaky androzy amy ty fandrava Zaho. ¹⁵Mijanina soa. Ka miavonavo, fa Yaveh ro fa nivola. ¹⁶Manomezana vohinahitsy hoahy Yaveh Ndranaharinareo aloha anandesany loza, sady aloha ty hahatoitsy ty tombonareo am-bohitsy lafa maikiky. Fa mitama hazava iha, fe havaliky ty toera ho maiky mare Izy, ho raho mainty. ¹⁷Lafa zay laha tsy mijanjy iha, le hitany raiky zaho noho ty fiavonavonanao. Hangemahema noho latsaky ranomaso vatany ty masoko, safe nosabory ty aondry ahy Yaveh. ¹⁸Volano hozao ty mpanjaka noho ty mpanjaka ampela reniny: 'Manambania vata nareo le mitoboha, fa ty satro-boninahitsy amy lohanareo rey, ty firengirengea noho ty voninahitsinareo, le fa niravoky.' ¹⁹Hihily iaby ty tana i Negeva, tsy misy ndra hamoha raiky rey. Ho sambory Joda, ty aminy ao iaby ho roasy tsy ho amy ty taniny. ²⁰Andrao ty masonao le henteo ty avy baka avaratsy. Aia va ty aondry lako ze namea anao, ty aondry lako le vatany soa tarehy taminao? ²¹Ino ty ho volaninao lafa hengan-Ndranahary aminao ze fa nampianarinao mba ho namanao rey? Tsy rey va ty fanomboha ty fahararia ze hahazo anao manahaky ty ampela teraky? ²²Le mety hamaly anay manao hozao iha: "Mannino raha rey ro miboaky amiko?" Le ho amy ty fahalakoa ty fahadisoanao ro nampisinda ty ziponao sady nandrava anao. ²³Vasa afaky hanova ty loko ty holitsiny va ty Kosy, na ty leoparda hanova ty pentiny? Lafa zay, le iha vatanao, ndra zatsy ty faharatia aza, le afaky manao ty soa. ²⁴Lafa zay le hampiparitaky androzy manahaky ty lila ze rava ty tsioky ty efitsy Zaho. ²⁵Zay ty nameako anao, ty anjara ze fa nandidiako anao---zay ty vola Yaveh--- safe fa nihalinonao Zaho sady fa nitama tamy ty fitaky. ²⁶Lafa zay avao koa le vatany Zaho koa ro hangalaky ty ziponao aminao, sady hiboaky ty faritsy falinao. ²⁷Fa nahitaky ty fanitsakitsaham-baly noho ty hevitsinao Zaho, ty faharatia ty hamakoreliano tamy ty vohitsy noho tamy ty baibo, sady fa nahitaky ty raha mampangaroharo rey Zaho! Loza hoahinao, lahy Jerosalema! Zisiky ombia ndraiky zany iha vo halio?"

Chapter 14

¹Zao ty safa Yaveh ze niavy tamy Jeremia mikasiky ty fahamay ty tany, ²"Engao i Joda hisaona, engaho hiondriky ty vavahadiny. Mitoreo amy ty tany ndrozy; miakatsy ty fitoreovandrozy hoahy Jerosalema. ³Azy beny rey maniraky ty mpiasany hila rano. Lafa mandeha amy ty famoria rano ndrozy rey, le tsy mahita rano. Mimpoly maiky avao ndrozy; manaro ty lohanandrozy ty henatsy noho ty fahalatsaham-baraky. ⁴Lafa zay le nivaky ty tany, safe tsy nisy ora tamy tany zay teo. Azy mpasa tany rey le nimenetsy sady manaro ty lohany ndrozy. ⁵Fa ndra ty diera vavy aza manenga ty anany ambaibo sady manenga androzy, safe tsy misy akata. ⁶Ty boriky le miegny amy ty tany hay sady sempotsy ty rivotsy manahaky ty alika ly. manjava ty masondrozy, safe tsy misy raha mitiry." ⁷Ry Yaveh, ndra nanameloky anay aza ty fahadisoanay, le miasa noho amy ty anarao. fa ty asanay tsy ampinoa le mihamaro; fa nanao fahadisoa taminao zahay. ⁸Ry taman'Israely, azy toka ze namonjy azy tamy ty fotoa ty fijalia, manino va Iha ro hanahaky ty vahiny amy ty tany, manahaky ty vahiny mpikarikarioky lafa miala vozaky le miroro ndraiky haly avao? ⁹Manino ro manahaky ty olo very hevitsy Iha, hanahaky ty mpialy ze tsy afaky hamonnjy ndra ia ndra ia? Fa Iha le anivonay, lahy Yaveh! Fa nivola taminay ty anaranao. Ka manenga anay. ¹⁰Zao ty vola Yaveh amy ty olo toy: " Safe tea mikariokarioky ndrozy, le tsy nitanjaky ty tombony tamy fanaova zay ndrozy." Tsy faly amindrozy Yaveh. Henanizao mahatiaro ty helondrozy Ie, sady nanasazy ty fahadisoany. ¹¹Hoasa Yaveh tamiko: "Ka mangataky ze hasoa ty olo toy. ¹²Fa laha mifaly hany ndrozy, le tsy hijanjy ty fitoreovany Zaho, sady lafa manao fanatitsy oroa noho fanatitsy ho hany ndrozy, le tsy hankasitraky rey Zaho Fa handrava androzy amy ty mesobe, mosary, sady arety mandripaky Zaho." ¹³Le hozao tiasako: "E, ry Yaveh Tompo! Ingo! Azy mpaminany rey manao ty olo hozao: ' Tsy hahita mesobe nareo; tsy hisy mosary ho ahinareo, safe hanome filamina to hoahinareo amy ty toera toy zaho.'" ¹⁴Le hoasa Yaveh tamiko: "Azy mpaminany rey le maminany amy ty verivery amy ty anarako. Tsy naniraky androzy na niesaky tamindrozy rey Zaho. Fa fahita vandy noho raha fahatany, faminania tsy to baka amy ty sayim-patandrozy ro naminanany aminareo." ¹⁵Lafa zay le zao ty safa Yaveh: " Mikasiky ty mpaminany maminany amy ty anarako fe tsy nirahiko---azy ze mivola fa tsy hisy mesobe noho mosary rey amy tany toy: azy mpaminany rey le ho rava amy mesobe noho mosary. ¹⁶Sady olo ze maminany rey le hatoraky amy ty lala i Jerosalema noho ty mosary noho ty mesobe, fa sy hisy ndra raiky azy handevy androzy--- ndrozy rey le valiny, ty anakilahiny rey, ndra ty anakampelany---fa handraraky ty faharatiandrozy amindrozy rey Zaho. ¹⁷Volano amindrozy safa zao: "Tokony handentiky ty masoko saky sanandro ty ranomasoko Ka enga hieny ndrozy, fa hisy faharava bevata hoahy ty anak'ampela tsy mahasaky lahy ty oloko--- ratsy bevata tsy azo afahy. ¹⁸Laha miboaky ambaibo Zaho, le ingo ze maty ty mesobe! Laha avy amy ty tana zaho, le ingo ty arety ze vokatsy ty mosary. Ndra ty mpaminany ndra ty mpisoro le hikaikarioky amy ty tany iaby, sady tsy hahay ndrozy." ¹⁹Fa tsy nanenky any Joda vatany va Iha? Bokanao va i Ziona? Nanino Iha ro mampijaly anay lafa tsy misy fahajanga ho ahinay, nanantena fiadana zahay, fe tsy nisy raha vano--- sady hoahy ty fotoa fanafaha, fe ingo, horohoro avao ro misy. ²⁰Manenky zahay, lahy Yaveh, azy tsy fidarianay lily, ty fahadisoa ty razanay, safe fa nanao fahadisoa taminao zahay. ²¹Ka enga zahay! Fa noho amy ty anaranao, le ka manafa-baraky ty seza fiadananao lako voninahitsy. Tiarovo sady ka mangalaky ty fanenkeanao tamminay. ²²Vasa misy amy ty sampy ty firenena va mahavita mandatsaky ty ranonora ty lanitsy? Ry Yaveh Ndranaharinay, vasa tsy Iha raiky, ro manao zay? Mitama anao zahay, safe Iha ro fa nanao ze kila raha iaby zao.

Chapter 15

¹Le hozao hoasa Yaveh tamiko: "Ndra mosesy na Samoela aza ro nitsanja talohako teo, le mbo tsy nankasitraky ty olo toy Zaho. Roaso hiala alohako eo ndrozy, mba andehanandrozy. ²Le hivola aminao hozao ndrozy: 'Aia va ro tokony handinay?' Le tsy maintsy hivola aminao hozao ndrozy: 'Zao ty vola Yaveh: Azy nilahary ho maty rey le ho maty; azy nalahatsy hoahy ty mesobe rey le ho maty amy ty mesobe. Azy nilahary hoahy ty mosary le ho maty ty mosary; sady azy voalahitsy ho amy ty fanambora le ho voasambotsy.³Fa ho tinginiko ho anotoko efatsy ndrozy--- zay ro safa Yaveh--- ty mesobe le hamono ty ilany, azy alika ly rey hitaritariky ty ilany, azy voro ty lanitsy noho ty biby ly ty tany handrava sady hamotiky ty ilany. ⁴Ho ataoko raha mampatahotsy ty fanjaka ty tany iaby ndrozy, noho ty raha nanovy Manase anaky Hezekia, mpanjaky i Joda, ta Jerosalema.⁵Fa ia ty haferinay anao, ry Jerosalema? Ia va ty hahafarinay anao? Ia va ty himpoly hanontany ty momba ty tetsy ty vatanao? ⁶Nafoy Ahy iha---zay ty safa yaveh---fa nniala tamiko iha.Le nanenga ano tany ty tanako Zaho sady namotiky anao. Vozaky zaho miferinay anao Zaho. ⁷Le ho kororohako amy ty fikororoha amy ty vavahady ty tany ndrozy. Hampijaly androzy rey Zaho.Hamotiky ty oloko Zaho safe tsy hiala amy ty lalany ndrozy.⁸Hanoviko lako mandilatsy ty fasy anila ty sisindriaky ty tsy manambalindrozy rey. handefa ty mpandrava amy ty midy amy ty reny ty pamaraky Zaho. Handatsaky horohoro noho ty havaka tampoky amindrozy Zaho. ⁹Ty reny ze niteraky anaky fito le harary. Ho afaky ay ie. Hilentiky ty masoandro ndra mbo midi iny. Ho latsa-baraky noho ho menatsy ndrozy, fa ho meko anila ty fahavalony rey ze ilany velo tany ty mesobe---zay ty safa Yaveh."¹⁰Loza ho tiahy, ry reniko! Fa niteraky ahy iha, zaho azy lahilahy ty aly hevitsy noho ty fandresean-dahatsy heniky ty tany iaby. Tsy mana ho ampindramy zaho,sady tsy misy olo mampindra ahy, fe manozo ahy iaby ndrozy iaby. ¹¹Hoasa yaveh: "Tsy hamonnjy anao amy ty soa va Zaho? Ho anovoko mitoreo vonjy amy ty fotoa ty loza noho ty fijalia vatany azy fahavalonao rey. ¹²Mahapotiky va ty olo? Indrindra fa ty vy baka avaratsy ze miharo saba?¹³Hameako ty fahavalonao ho azo sambotsy maimai-poa ty hanagna noho ty raha sarotsinao. Ho anoviko zay noho ty fahadisoa iaby nanovinao tanay ty faritsy ty taninao iaby. ¹⁴Le ho anoviko manompo ty fahavalonao amy ty tany ze tsy hainao iha, fa hirehitsy ty afo, hampirehitsy ty heloko aminao."¹⁵Ry Yaveh, Iha mahay! tiarovo zaho le vonjeo. manaova valifaty hoahy ty ze manenjiky ahy rey. mahay miaritsy Iha, fe ka enga hangalaky ahy ndrozy; haiko fa mijaly amy ty fangala baraky noho Iha zaho. ¹⁶Fa hita ty safanao rey, sady ho eritseretiko rey. Ty safanao rey le manjary hafalia ho tiahy sady fahasambara hoahy ty foko, fa manday ty anarano zaho, lahy Yaveh, Ndranahary Tompoa ty lako.¹⁷Tsy nipetraky tany ty faritsy ze nankalaza na nifaly zaho. Nipetraky raiky zaho noho ty tananao mahery, safe natrehanaoo heloky zaho. ¹⁸Manino ty faharariako ro mitohy sady tsy misy fahajanga ty ratsiko, tsy manenky ho janga? Hanahaky ty rano mamitaky amiko va Iha, rano ze ho ritsy?¹⁹Le zao tiasa Yaveh: "Laha mivavaky iha, ry Jeremia, le ho ampoliko ndraiky, sady hitsanga alohako eo iaha le hanompo Ahy. fa laha mampisaraky ty raha adaladala amy ty raha sarotsy iha, le hanahaky ty vavako iha. Himpoly aminao ty olo, fe iha tsy himpoly amindrozy rey. ²⁰Hanoviko manahaky ty manda saba tsy azo ilira hoahy ty olo toy iha sady hila aly aminaondrozy. fe tsy haharesy anao ndrozy, safe miaro anao Zaho mba hamonjy noho hanavotsy anao--- zay ty safa Yaveh--- ²¹fa hamonjy anao amy ty tana ty raty fanahy Zaho sady hanavotsy anao amy ty tana ty mpadrava."

Chapter 16

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: ²"Ka mangalaky valy hoahy ty vatanao, sady ka miteraky lahy ndra ampela amy ty vatano amy ty toera toy. ³Fa nivolan'ny Yaveh tany ty anakilahy noho ty anakampela ze teraky tany tetia amy toera toy, noho tany ty raiky ze nahavy androzy ho teraky anabo ty tany toy, ⁴Ho maty amy ty arety fahafatesa ndrozy. Tsy hitania ndrozy na halevy. Hanjary manahaky ty zezika amy ty tany ndrozy. Fa amy alala ty mesobe noho ty mosary ro hiafarandrozy, sady hanjary hany hoahy ty voro ty lanitsy noho ty biby ty tany. ⁵Fa niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: " Ka militsy amy ty trano ze misy fitomania. Ka mandeha mba hitany ndra hampiboaky alahelo hoahindrozy, fa nalako hoamy olo zay teo ty fiadanako, ty fitiavako tsy miova noho ty fahaferinesako--- zay ty safa Yaveh. ⁶Ty be noho ty maliniky le samby ho maty amy ty tany toy. Tsy halevy ndrozy, sady tsy hisy ndra raiky aza hitany androzy ndra hanapaky ty vatandrozy na hanaratsy ty lohany ho ahindrozy. ⁹¹⁰dy iha hitatitsy ty safa iaby rey amy ty olo iaby rey amy ze andro zay, sady hivola hozao aminao ndrozy: ' Nanino Yaveh ro nandidy ty loza bevata iaby hanohera antika toy? Ino va ty hadisoanay noho ty fahadisoanay tany Yaveh Ndranahatsika? ¹¹Le volano hozao ndrozy: 'Safe nanenga ahy ty razanareo---zay ty safa Yaveh---sady nambao amy ndranahary hafa ndrozy sady nanompo sady nandohaliky tamindrozy. Le nanennga ahy Ndrozy sady tsy nitanjaky ty liliko. ¹⁰Sady iha hitatitsy ty safa iaby rey amy ty olo iaby rey amy ze andro zay, sady hivola hozao aminao ndrozy: ' Nanino Yaveh ro nandidy ty loza bevata iaby hanohera antika toy? Ino va ty hadisoanay noho ty fahadisoanay tany Yaveh Ndranahatsika? ¹¹Le volano hozao ndrozy: 'Safe nanenga ahy ty razanareo---zay ty safa Yaveh---sady nambao amy ndranahary hafa ndrozy sady nanompo sady nandohaliky tamindrozy. Le nanennga ahy Ndrozy sady tsy nitanjaky ty liliko. ¹²Fe ty vatanareo le fa nanday faharatia lako mandilatsy ty razanareo, le ingo, samby mandeha tany ty hahery lohany ty olo kiraikiraiky araky ty haratia ty fony; tsy misy ndra raiky nijanjy Ahy. ¹³Le ho afahako amy ty tany toy ho amy ty ty tany ze mbo tsy hainareo ndra ty razanareo, sady hanompo ndranahary hafa andro noho ty haly any aminareo, fa tsy hanome fankasitraha ho ahinareo Zaho. ¹⁴Lafa zay, ingo, avy ty andro---zao ty safa Yaveh---lafa tsy ho volany hozao sasy: ¹⁵"Laha mbo velo avao koa Yaveh, azy nanday ty olo Israely avy baka amy ty tany Egypta.' Fa hozao: ' Laha mbo velo avao koa Yaveh, azy nanday ty olo Israely baka amy ty tany avaratsy noho avy baka amy ty tany ze fa nampiparitaha androzy.' Fa ho ampoliko amy ty tany ze nameako ty razany ndrozy. ¹⁶Ingo, Handefa mpihaza lako zaho---zao ty safa uyaveh---le hihaza olo ndrozy. Afaranizay le handefa mpihaza lako zaho mba hihaza hoahindrozy amy ty vohitsy noho ty anao iaby sady fa antenatenany ty haram-bato ndrozy. ¹⁷Fa ty masoko le ho amy ty lalandrozy iaby rey; tsy afaky hivony aloha ty masoko ty fahadisoandrozy. ¹⁸Hanonotsy sahabo roa heny ty fahadisoa noho ty fahotandrozy rey ty taniko tany ty sampy vetavetandrozy aloha Zaho, noho ty famenoandrozy sampy mampangaroharo ty lovako. ¹⁹Yaveh o, Iha ro fiarovako mare noho ty fialofako, toera azo antoky amy ty andro fijalia. Ho Aminao any azy firenena baka amy ty fara ty tany sady hivola hozao: ' handova verivery vatany ty razanay. Tsy hisy ndrozy; sady tsy hahitaky tombotsoa aminandrozy ao. ²⁰Manao ndranahary hoahy ty vatandrozy va ty olo? Kenefa tsy ndranahary ndrozy.' ²¹Lafa zay ingo! Ho ampahaizako androzy amizay fotoa zay, ho anoviko haindrozy ty tanako noho ty heriko, le ho haindrozy fa yaveh ro anarako.

Chapter 17

¹" Nosorata tamy ty stylo vy mana tendro diamondra ty fahhadisoa any Joda. Voasokitsy amy ty takelaky ty fondrozy noho amy ty tsifa ty alitaranao zay. ²Ndra ty anakindrozy aza le mahatiaro ty alitarany noho ty bao ty Aserahany ze tanila ty hazo misadrahaky noho tanabo vohitsy farany anabo. ³Tanabo ty vohitsiko tamy ty tana malalaky tao ty bao ahy Aseraha. Ty hanagnanareo noho ty raha sarotsinareo iaby le hameako manahaky ty azo sambotsy, miarakaky amy ty fipetraha anabonareo tamy ty faritsy ty taninareo iaby. ⁴Ho trobo ty lova ze nameako anareo. Ho anoviko andevo ty fahavalonareo amy ty tany ze tsy hainareo ao nareo, fa nareo fa nampirehitsy afo amy ty heloko, ze hirehitsy zisiky amparany. ⁵Hozao tiasa Yaveh: "Voaozo ty olo ze matoky olombelo; manao ty nofony ho heriny ie fe mampibio ty fony amy Yaveh. ⁶Fa hanahaky ty ala kely a Araba ao ie sady tsy hahita raha soa ho avy. Hiegny amy ty fipetraha vatolampy anefitsy any ie, tany maiky tsy misy mpiperaky. ⁷Fe ty olo ze mitama any Yaveh le arova, fa Yaveh ro antoky ty fahatokiany. ⁸Fa hanahaky ty hazo ze nambolea tamy sisiny rano ie, ho heniky ty sisiny ty riaky fakany rey. Tsy havaka ty hafana ie lafa avy zay, fa azy raviny rey le ho maintso saky sanandro. Tsy atahora amy ty tao ty hain-tany ie, sady tsy hiegny hamao ie. ⁹Mamitaky mandilatsy ty kila raha iaby ty fo. Marary zay; ia va ro afaky hatakatsy zay? ¹⁰Zaho ro Yaveh, azy manenty ty an-tsay ao, azy mitsapa ty fo rey. Manome araky ty fomban'olo kiraikiraiky Zaho, araky ty vokatsy ty asany. ¹¹Mamana ty atoly ze tsy nateraky ty tsipohy. Mety hanjary mpanarivo tsy rariny ty olo, fe lafa misasaky ty andro iainany, le henenga azy ireo mpanarivo rey, sady lafa farany le hanjary gegy ie. ¹²Ty seza ty fiangonanay le seza fiadana lako voninahitsy, nankary baka ampanomboha. ¹³Yaveh ro fanantena Israely. Ho mentrsy iaby ze manenga Anao rey. Azy amy ty tany ze niala taminao rey le ho sorata amy ty posiera. Safe nanenga any Yaveh ndrozy, azy loharano ty rano velo. ¹⁴Jangao zaho, ry Yaveh, le ho janga zaho! Vonjeo zaho, le ho voavonjy zaho. Fa lha ro hira fanompoako. ¹⁵Ingo, hoasandrozy rey tamiko: Aia ty safa Yaveh? Engao zay ho avy! ¹⁶Laha ty amiko, tsy niala tamy maha mpiarakaky aondry manoriky Anao zaho, tsy manry ty andro ty loza zaho. Hainao ty fanambara baka amy ty soniko. Nanovy tamy ty fanatrehanao rey. ¹⁷Ka mampatahotsy ahhy. Iha ro fialofako amy ty andro ty loza. Enganie ho menatsy azy mpanenjiky ahy rey, fe ka enga ho menatsy zaho. ¹⁸Engaho ndrozy havaka, ka enga havaka zaho. alefaso amindrozy ty andro ty loza sady ravaravao amy ty anjara loza indroa mandilatsy anizay ndrozy. ¹⁹Zao ty vola Yaveh tamiko: "Mandina le mitsangana amy ty vavahady ty olo ze hilira ty mpanjaka any Joda noho ty iboahandrozy, le bakeo ty vavahady hafa any Jerosalema iaby. ²⁰Volano hozao ndrozy: 'Janjino ty safa Yaveh, ry mpanjaka ahy Joda iaby, sady y mpipetraky a Jerosalema ze mandrio amy ty vavahady rey. ²¹Zao ty safa Yaveh: "Tandremono ty aianreo ka mitarazo enta mavesatsy amy ty andro Sabata le handay anizay amy ty vavahady mba a Jerosalema rey eo. ka manday enta miboaka ty tranonareo amy ty andro Sabata. ²²Ka miasa ndra ino ndra ino fa atokano ty andro Sabata, ze manahaky ty nandidiako razanao rey hanovy." ²³Tsy nijanjy ndra nidary ndrozy, fa nampahery ty hatokiny mba tsy harenasany ahy ndra hanenky ty sazy. ²⁴Hiseho zay lafa lafa mijanjy ahy vatany nareo— zay ty fanambara Yaveh—sady ka manday enta mbamy ty vavahady ty tana amy ty andro Sabata fe atokano hoahy Yaveh ty andro Sabata sady ka manao asa ndra ino ndra ino amizay, ²⁵sady azy mpanjaka rey, olobe, noho ty mpipetraky amy ty sieza fiadana ty Davida le ho mbeo amy ty vavahady rey ty tana toy amy ty kalesy miarakaky amy soavaly, ndrozy noho ty mpitariky azy rey, ty lahilahy any Joda noho ty mpipetraky a Jerosalema, sady azy tana toy le hipetraha zisiky amparany. ²⁶Ndrozy rey le ho avy amy tana i Joda noho avy mihididy any Jerosalema, avy amy tany Benjamina noho ty faritsy ambany, baka amy ty vohitsy, baka amy Negeva, handay ty fanday oroa noho soro rey, fanday voa noho ty ditin-kazo manitsy, fanday fisaora antrano Yaveh ao. ²⁷Fe laha tsy mijanjy Ahy nareo— ty amy ty fanokana ty andro Sabata noho ty tsy fanandesana enta mavesatsy sady amy ty tsy filira amy ty vavahady ahy Jerosalema amy ty andro Sabata — le hampirehetako afo amy ty vavahady rey, le handrava ty manda ty Jerosalema zay, sady tsy ho vonoa zay."

Chapter 18

¹Ty safa ze niavy tamy Jeremia baka amy Yaveh, manao hozao: ²"Mitsangana sady miboaha tan-trano ty mpanamboatsy tanimanga, fa any ro amjijjanjiniko anao ty safako." ³Le nimbana-trano ty mpanamboatsy tanimanga zaho, le ingo! Ty mpanamboatsy tany manga le niasa tamy ty larony teo. ⁴Fa simba tan-tanany teny ty valany tanimanga ze nokotrokotrohany, le nivaliky ty hevitsiny le nanao raha hafa ze soa tamy masony teo. ⁵Le niavy tamiko ty safa yaveh manao hozao: ⁶"Tsy afaky manamboatsy manahaky ty anovy ty mpanefy io aminareo va Zaho, ry longo Israely? ---zao ty fanambara Yaveh. Ingo! manahaky ty tanimanga an-tanana ty mpanefy eo --- le manahaky zay nareo an-tanako eo, ry longo Israely. ⁷Amy ty fotoa raiky le mety hanono raha hoahy tyfirerena na fanjaka raiky Zaho, mba hanaboahako, handravako, na hanimbako anizay. ⁸Fa laha miala amy ty faharatia aty firenena ze nananovak anizay fanambara zay, le hitanjaky ty loza ze nomaniko handesiko amizay Zaho. ⁹Amy fotoa hafa, le mety hanambara raha momba y firenena na fanjaka raiky Zaho, fa hananga na hamboly anizay Zaho. ¹⁰Fa laha manao raty imasoko ie amy ty tsy fijanjinany ty feoko, le hengako ty soa ze nivolaniko fa ho anoviko amindrozy. ¹¹Le henany zao, mivolana amy olo ahy Joda noho amy ty mpioetraky a Jerosalema le volano hozao: 'zao ty vola Yaveh: Indo, hanamboatsy loza hoahinareo Zaho. Fa hamoro tetiky hanohera anareo Zaho. Mibebaha, amy ty fomba ratiny ty olo kiraikiraiky iaby, le handay soa ho ahinareo ty fombanareo rey noho ty fanaonareo rey.' ¹²Fa hivola hozao ndrozy: 'Tsy misy ila azy izay. hanao araky ze fikasanay manoka zahay. Ty kiraikiraiky baka aminay le hanao anizay faniria raty ty fony.' ¹³Lafa zay le hozao tiasa Yaveh: ;Anontanio firenena rey ia va ro fa nahare ty karazandraha manahaky zao? Fa nanao asa mampangaroharo Israely virijiny. ¹⁴Vasa ty lanezy a Libanona any fa nandifotsy ty vohitsy ty vato anilany eo? Vasa ty riaky ty vohitsy baka alavitsy fa rava , azy rano manitsy? ¹⁵Fa nagnalino ahy ty oloko. Nanao nanatitsy hoahy ty sampy tsy misy dikany ndrozy sady nanao ho hoitsy tamy ty lalandrozy rey; nanenga ty lalany taloha ndrozy ho amy ty lala kelikely mare. ¹⁶Hanjary horohoro ty tanindrozy, ho antony ty tsiotsioky zisiky amparany. Ze mandrio aminy eo iaby le hangitikitiky noho handada ty loha. Hanaparitaky androzy aloha ty fahavalony manahaky ty rivotsy antinana Zaho. ¹⁷Hanatoro ty lambosiko androzy rey Zaho, fa tsy ty vatako amy ty andro ty lozandrozy .'" ¹⁸Le hoasa ty olo tamy Jeremia: " Avia, ndao tsika hanao hevitsy hanohera any Jeremia, fa tsy ho rava ty lily baka amy ty mpisoro, ndra ty toro-hevitsy baka amy ty olo hendry, ndra ty safa baka amy ty mpaminany. Avia, tokony hanafiky azy amy ty safatsia rey sady tsy hidary ze volaniny sasy." ¹⁹Mijanina ahy, ry Yaveh, sady janjino ty feo ty fahavaloko. ²⁰Vasa baka amindrozy ty vatany ty loza ro valisoa tamy ty hasoa fanahiko tamindrozy? fa nihaly lavaky ho tiahy ndrozy. Tiarovo ty nitsanganako talohanao teo mba hiresaky ty fifanampia androzy, mba hampiala ty helokinao amindrozy. ²¹Lafa zay le anovo avy amy ty anany rey ty mosary, sady atoloro an-tana ty mampiasa mesobe rey eo ndrozy. Le engaho ty ampelandrozy ho azo ty fijalea noho tsy hanam-baly, sady ty lahilahy ho vonoa, sady ty pamarakiny ho maty ty mesobe mesobe amy aly any. ²²Tokony ho re baka amy ty tranondrozy ty korakoraky ty fijalia, manahaky ty fanandesanao mpanafiky hanohitsy tampoky androzy. Fa nihaly lavaky hisamboara ahy ndrozy sady namony fandriky hoahy ty tomboko. ²³Fa Iha, ry Yaveh, Iha mahay ty drafitsy androzy amiko mba hamonoany ahy. Ka manenga ty heloky noho ty fahadisoandrozy. Ka mamotsy ty fahadisoandrozy hiala Aminao. Fe , engaho ndrozy ho rava anatrehanao. Mihetseha hanohitsy androzy amy ty fotoa mahameloky Anao

Chapter 19

¹Zao ty vola Yaveh: "Mandina le mivilia tavoara tanimanga ty mpanefy tanimanga laha miaraky amy ty olobe ty olo rey noho ty mpisoro nareo. ²Le miboaha amy ty lohasaha an'i ben-Hinoma amy ty filira ty vavahady ty valany vaky,sady volano amy ty teny ze ho volaniko aminao. ³Volano hozao: 'janjino ty safa Yaveh, ry mpanjaka any Joda noho ty mpipetraky a Jerosalema! Yaveh tompoa ty maro Ndranahary ahy Israely, mivola hozao: "Ingo, sady zaho le handay loza amy toera toy, sady ty sofy ze hahare zao iaby le hagingy.⁴Hanao zay Zaho safe nafaandrozy Zaho sady tsy nampisia dikany ty toera toy. Amy ty toera toy eto ro aneseandrozy soro hoahy ty ndranahary hafa ze tsy hainy. Ndrozy,ty razany rey, sady ty mpanjaka ahy Joda avao koa lefa nanatsiky lio ty tsy mana tsiny tamy ty toera toy. ⁵Namboatsy ty toera anabo i Bala ndrozy hanoroa amy ty afo ty anakindrozy ho fanday oroa ho tiazy ie--- raha ze tsy nandidiako na nivolaniko, ndra nilitsy tan-tsaiko tao.⁶Le ingo, fa ho avy andro ---zao ty fanambara Yaveh--- lafa tsy ho kaiha ho Tofeta sasy ty toera toy, azy tany malemy any Ben-Hinoma, fa hanjary baiboFamonoa zay. ⁷Amy ty toera toy eto ro hananovako ty faniria i Joda noho Jerosalema ho tsy misy ila azy. Ho anoviko ho maty ty mesobe aloha ty fahavalony ndrozy sady ty tana ty ze manisny ty ainin-drozy. Le hameako ho hany ty voro amy lanitsy eny noho ty ty biby amy ty tany ty fatindrozy. ⁸Le hanoviko faharava noho ty raha fivonivonia ty tana toy, le ze mandrio eo iaby amizay le hangitikitiky noho hitsioky mikasiky ty arety mandripaky iaby. ⁹Hampihinaniko ty nofotsy ty anakilahiny noho ty anakam-pelany ndrozy; ty olo kiraikiraiky le mihhina ty nofitsy ty mpiharo petraky aminy amy ty fahhirano sady ty faharariany ro hanandesa androzy amy ty fahavalony noho ty mila ty ainy."¹⁰Le ho vakianao imaso ty lahilany ze niaraky taminao rey ty tavoara tanimanga. ¹¹Hivola amindrozy manao hozao iha: ' Zao ty safa ty Tompoa ty lako: "Hanao raha mifanahaky amy zay olo toy noho ty tana toy Zaho---zay ty safa Yaveh--- manahaky ty namotepotehany any Jeremia ty tavoara tanimanga ro tsy nafahany nanamboatsy zay ndraiky. Handevy ty maty a Tofeta ty olo zisiky tsy mampisy toera handevena ty maty rey sasy.¹²Manahaky zay ty hanaovako ty toera toy noho ty mpipetratrakiny laha hanao ty toera toy manahaky any Tofeta Zaho---zay ty fanambara Yaveh--- ¹³le ty trano ty Jerosalema noho ty mpanjaka any Joda le hanjary manahaky any Tofeta---azy trano iaby ze misy tafo trano hanompoa ty olo maloto ty kinta iaby amy lanitsy eny sady andrarahany fananday hinoma hoahy ty ndranahary hafa."¹⁴Le niavy baka Tofeta i Jeremia, ze nanirahan'Yaveh azy mba haminany. Nitsanga tamy trano Yaveh teo ie sady nivola tamy olo iaby teo hozao ie: ¹⁵"Zao ty vola Yaveh Tompoa ty lako, Ndranahary ahy Israely: "ingo, handay amy tana toy noho ty renivohitsy iab ty loza iaby ze fa nivolaniko tamizay Zaho, safe nanamafy ty tahatony ndrozy sady tsy nanenky hijanjy ty safako."

Chapter 20

¹Pasora anaky Imera mpisoro---manam-boninahitsy mpitariky azy--- le nahare any Jeremia naminany safa rey taloha ty trano Yaveh. ²Le nivangoa i Pasora i Jeremia mpaminany sady bakeo nengany tamy ty hazo fanagadra ze tamy ty vavahady Anabo i Benjamina tamy trano Yaveh tao. ³Tamy andro manaraky le naboaky Pasora tamy ty trano fanagadra i Jeremia. Le hoasa Jeremia taminy: "Tsy nikainy ty anaranao hoe Pasora Yaveh, fa Magora-misabiba iha. ⁴Fa hozao tiasa Yaveh: Ingo, ho hanoviko raha mampatahotsy iha, le iha noho ty olo teanao iaby, fa ho maty ty mesobe ty fahavalondrozy le hahitaky zay ty masonao. Ho asesy amy tana ty mpanjaka ahy Babilona ty Joda iaby. Ho anoviny azo sambotsy a Babylona iaby ndrozy na ho tafihiny amy mesobe. ⁵Hameako azy ty hanagna ty tana toy iaby noho ty hanagnany iaby ty raha sarotsy androzy iaby noho ty hnagna ty mpanjaka ahy Joda iaby. Ho engako amy ty tana ty fahavalonao raha rey, le ho hoahindrozy zay. Hangalaky anireny ndrozy le handay anireny a Babylona. ⁶Fe iha, ry Pasora, noho ty mpipetraky an-tranonao iaby rey le hanjary ho azo sambotsy. Handeha a Babylona iha le ho maty any. Iha noho ty olo teanao iaby rey ze naminanianao raha vandy le ho alevy any." ⁷"Namerivery ahy Iha, ry Yaveh, le voaverivery zahi. Matanjaky mandilatsy ahy Iha, sady mandresy ahy Iha. Nanjary fiheheza zisiky tontolo nandro zaho, manakiotsy ahy iaby ty olo. ⁸Fa saky zaho mivola, le nikaiky mare zaho sady mivola hozao: 'Heriloha noho fandrava'. Sady nanjary fandatsa noho takiotsy ho tiahy saky sanandro ty safa Yaveh. ⁹Laha mivola hozao zaho: "Tsy hieritseritsy momba any Yaveh sasy zaho. Tsy hivola amy ty anarany sasy zaho." Sady manahaky ty afo anaiko ao zay, voatanjaky anay ty taolako ao. Le mitolo mba hitanjaky anizay zahofe tsy nahavita. ¹⁰Nahare ty vandy mpanorohoro baka amy ty olo iaby mihodidy ahy rey zaho. "Tatero! Tsy maintsy tateritsika zay!" Azy aniko rey le manenty ahy laha miravoky zaho. "Mety ho azo vereverea ie. Laha zay le afaky mandresy azy tsika sady hanao ty valifatitsika aminy." ¹¹Fa miaro ahy manahaky ty mpialy mare Yaveh, le fany azy mignia ahy rey. Tsy handresy ahy ndrozy. Ho latsa-baraky tanteraky ndrozy, safe tsy hahazo. Ho menatsy zisiky amparany ndrozy, tsy ho halino mandrakizay zay. ¹²Fe iha, lahy Yaveh Tompoa ty lako, Iha ze mandiniky ty fahamarina noho ze mahita ty say noho ty fo. Engaho zaho hahita ty valivatinao amindrozy safe fa nahare ty raha niboaky taminao zaho. ¹³Mihira hoahy Yaveh! Manompoa ahy Yaveh! fa mamonjy ty ay ty ze nampijalia tan-tana ty mpanao raty rey Ie. ¹⁴Tokony ho ozony ty andro ty fahaterahako. Tokony tsy ho tahia ty andro ze nanandesa ty reniko ahy. ¹⁵Tokony ho ozony azy lahilahy ze nampahay ty babako, azy nivola hozao: 'Misy anakilahy nateraky ho ahinao', hiteraky fifalia bevata. ¹⁶Tokony hanahaky ty tana rey azy lahilahy zayze nisima Yaveh le tsy niferinesany. Engaho ie hahare ty kaiky hazolava amy ty andro maraindray, noho ty fitania ty aly amy ty midy, ¹⁷safe tsy namono ahy tan-troky tao ie, nanao ty reniko ho loloko, le ty troky nipetraran'anaky mandrakizay. ¹⁸Nanino zay ro niboaky tan-troky zaho mba hanenty fajalea noho ty alahelo, mba ho atsiaky henatsy ty androko rey?"

Chapter 21

¹Ty safa ze niavy tamy Jeremia baka amy Yaveh lafa nampandeha any Pasora anakilahy Malkia noho Zefania anakilahy Mahasela mpisoro taminy tany i Zedekia mpanjaka. Le hoasandrozy taminy: ²"Mangataha hevitsy amy Yaveh hoahinay, fa mila aly aminay Nebokadneza mpanjaka any Babilona. Hanao fahatsereha hoahinay vasa Yaveh, manahaky tamy ty andro fa taloha, le hampiala zay aminay eo." ³Le hoasa i Jeremia tamindrozy: "Zao o tsy maintsy volaninareo amy Zedekia, ⁴Yaveh, Ndranahary Israely, mivola hozao: "Ingo, hampipoly ty fitaovam-pialia ze an-tananareo zaho, niaraky amy ze nialianareo hanohitsy ty mpanjaka ahy Babylona noho ty kaldeana ze nagnato anareo baka ambaliky ty manda! Fa hamory androzy androzy anivo ty tana toy. ⁵Le ty vata Tenanko ro hialy aminao miaraky amy ty tana miampatsy noho ty sandry mare, noho miaraky amy ty siaky, hasosora, sady heloky biby. ⁶Le hanafiky ty mpipetraky amy ty tany toy Zaho, ndra olo ndra bibby. Ho maty amy ty arety mandripaky mare ndrozy. ⁷Afaranizay---zao ty vola Yaveh---Zedekia mpanjaka ahy Joda, azy mpanompony, ty olony, noho ze miegny amy ty tana toy eto afara ty arety mandripaky, ty mesobe, sady ty mosary, le homeako ho an-tana i Nebokadneza mpanjaka ahy Babylona ndrozy iaby, noho ty an-tana ty fahavalony, sady an-tana ze mikinia ty aindrozy. Le hamono androzy amy ty lela ty mesobe ie. Tsy hiferinay androzy ie, ndra hana fo mitretre. ⁸Sady tokony hovolany amy ty olo rey hozao: ' Zao ty safa Yaveh: "Ingo, ho engako alohanareo eo ty lala ty fiaina noho ty lala ty fahafetesa. ⁹Ze miegny amy ty tana toy le ho maty ty mesobe, mosary sady ty arety mandripaky; fa ze miboaky le mivaravoky amy ty lohany aloha ty Kaldeana rey eo ze namalavalava anao le ho velo. Hilay miaraky amy ty ainy ie. ¹⁰Fa efa nifanina tamy ty vatako hanohitsy ty tana toy zaho mba handay loza fa tsy handay raha soa---zay ty safa yaveh. Fa nasesiko an-tana ty mpanjaka ahy Babylona le ho roany zay. ¹¹Janjino ty safa Yaveh mikasiky ty tariha ty mpanjaka ahy Joda. ¹²Ry tariha Davida, hoasa Yaveh: "Avono ty hato lafa maray. Vonjeo amy ty tana ty mpampijaly ty voarava, fa tsy noho hiboaky manahaky ty afo ty heloko le hamay, sady tsy hisy ndra raiky aza afaky hamono anizay, noho ty asaratinao. ¹³Ingo ty mpipetraky amy tany malemy! Manohitsy anao Zaho, ry vato ty malemy---zay ty safa Yaveh--- zaho le manohitsy ty ze mivola hozao : "Ia ty hijotso hanafiky anay?" na hozao: "Ia va ro hilitry an-tranonay ao?" ¹⁴Nitingy ty vokatsy ty asanao ho avy hanohitsy anao Zaho---Zay ty safa Yaveh---sady hampirehity afo amy ty anay ty akata lako zaho, sady ze mihodidy anizay iaby le ho rava."

Chapter 22

¹Zao ty safa Yaveh: "Mijotsoa amy tano ty mpanjaka ahy Joda any le volano any zao safa zao.² Volano hozao: 'Ry mpanjaka ahy Joda, janjino ty safa yaveh---iha ze mipetraky amy ty seza fiadanana ahy Davida---iha, noho ty mpiasanao sady ty olonao ze mandrio amy ty vavahady rey.³ Zao ty vola Yaveh: "Manaova ty hatonoho ty fahamarina, sady ze voaroba--- vonjeo amy ty tana ty mpampijaly azy. Ka manao fomba raty ammy ty vahiny, ndra ty kamboty, ndra ty tsy manam-baly amy ty taninao eo. Ka mahatsaintsay ndra mandatsaky ty lio ty tsy mana tsiny amy ty toera toy.⁴ Fa laha anovinao vatany raha rey, le hilitry amy ty vavahady ty trano toy hitikitsy kalesy noho soavaly azy mpanjaka mipetraky amy ty sieza fiadana i Davida, ie, mpiasany rey, sady ty olony!⁵ Fa laha tsy mijanjy ty safa baka amiko ze fa nivolanniko rey iha--- zay ty vola Yaveh--- le hanjary fandrava ty trano ty mpanjaka toy."⁶ Fa zao ty vola Yaveh mikasiky ty trano ty mpanjaka ahy Joda: 'Iha le manahaky an'i Gileada, na manahaty ty tendro ty Libanona amiko. Ndra zay aza le havaliko ho avaliko tany efitsy iha, ho tana tsy misy mpipetraky.⁷ Fa nitingy ty mpandrava ho avy hanohitsy anao Zaho! Hanapaky ty sederanao soa mare ty lahilahy rey miarakany amy ty fitaovam-pialiany sady hanenga androzy hiravoky anay ty afo.⁸ Sady firenena lako ro hanmdrio amy ty tana toy. Hivola amy ty kiraikiraiky anilany eo hozao: 'Nanino Yaveh ro nanao hozao tany ty tana bevata toy?'⁹ Le hozao ty havaly ty ilany: "Safe nahafoy ty fanenkea an'Yaveh Ndranahariny ndrozy, sady nandohaliky tany ndranahary hafa noho nanompoa azy ndrozy."¹⁰ Ka mitany ze maty, ndra misaona ho tiazy; fa mitania hoahy ze nandeha lavitsy, safe fa tsy himpoly sasy ie sady tsy hahitaky ty tany niboahany sasy."¹¹ Fa zao ty voala Yaveh mikasiky an'i Jehoaza anakilahy Josia mpanjaka ahy Joda, ze nanompo manahaky ty mpanjaka laha tokony ho Josia babany: 'Niala tany ty toera toy ie sady tsy himpoly.¹² Ho maty amy ty toera ze nananovandrozy sesitany azy ie, sady tsy hahita ty tana toy sasy."¹³ Loza hoahy ty manamboatsy ty tranonony amy ty tsy fahamarina, ty efitsy ty tranony anabo amy ty tsy rariny, ze mampiasa fahatany ty mpiharo betraky aminy, le tsy manome ty karamany;¹⁴ hozao tiasany: 'Hanamboatsy trano bevata noho efitsy trano anabony malalaky ho tiahy zaho.' Le manampaha lafenety bevata zo zay, sady nasiany valin-drihana sedera zay, le nolokoany mena."¹⁵ Mahavy anao ho mpanjaka soa va ty faniriana hana pakila sedera? Vasa tsy nihina noho nino avao koa ty babanao, fe nanao ty rariiny noho ty fahamarina? Sady nandeha iaby ty kila raha ho tiazy.¹⁶ Nanome hatonoho ty mijaly noho ty mijaly ie. Le soa zay. Vasa zay tsy midika fahaiza Ahy va? ---zay ty safa Yaveh.¹⁷ Fa tsy misy ndra ino ndra ino mandilatsy ty havaka amy ty masonao eo noho ty fonao eo noho amy ty tombony tsy manarakany ty rariny noho amy ty fandatsahan-dio ty tsy manatsiny, ty fampijalia noho ty fanambanimbana ty hafa.¹⁸ Lafa zay kle hoasa Yaveh mikaiky an'i Joiakima anakilahy Josia, mpanjaka ahy Joda: Tsy hitany ho tiazy ndrozy le hanao hozao: 'loza, ry rahalahiko!' na 'loza, ry rahavaviko!' Tsy hitany ho tiazy ndrozy le hanao hozao: 'loza, ry tompo!' na 'loza, ry lako voninahitsy!' ¹⁹Halevy manahaky ty fandevenam-boriky ie, ho taritarihy noho atoraky ambaliky ty vavahady ty Jerosalema ie.²⁰ Manganiha amy ty vohitsy Libanona le mikaiha mare. Ampiakaro a Basama ao ty feonao. Mikaiha mare baka amy ty vohits'i Abarima, fa ho rava iaby ty namanao.²¹ Nivola taminao zaho tany iha mbo nilamy, fe hozao tiasanao: 'Tsy hijanjy zaho.' Zay ty fombanao baka amy ty fahatanoranao safe tsy nijanjy ty feoko iha.²² Hiamby ty mpiarakany ty aondrinao iaby ty tsioky, sady azy namanao rey le hanjary ho azo sambotsy. Le ho menatsy noho le vatany hipalipatsy iha noho ty asaratinao iaby.²³ Iha ze mipetraky a Libanona,' ze manamboatsy trano amy ty sedera, ee ty hamalo fo aminao lafa avy aminao ty fahararia ty asa, fahararia ze manahaky ty ampela miteraky!"²⁴ Laha mbo velo avao koa Zaho---zao ty safa Yaveh---ndra ty peratsiko tombo-kase ty tanako ankavana aza iha ry Jekonia, anakilahy Joiakima, mpanjaka ahy Joda, le tsy ampisiako dikany iha.²⁵ Fa nameako an-tana ze hanafaky ty ainao iha sady le ho an-tana ze avakanao, na ho an-tana ty Nebokadnezara mpanjaka ahy Babylona eny noho Kaldeana rey koa aza.²⁶ Hanary anao noho ty reninao niteraky anao amy ty tany hafa Zaho, tana ze tsy nahaterahanao, le ao iha ro ho maty.²⁷ Laha mahakasiky ty tany ze niteandrozy himpoliana toy, le tsy himpoly atoy ndrozy.²⁸ Vasa tsy fanaky tsy nidarea noho nipotopoteha zay? Vasa tsy valany ze tsy nahafaly ndra ia ndra ia ty lahilahy Joiakima va zay? Nanino ie noho ty tarihany nariandrozy, le natorany tany ty tany ze tsy haindrozy?²⁹ Ry tany, ry tany, ry tany! Janjino ty safa Yaveh!³⁰ Zao ty voala Yaveh: Manorata manahaky ty lahilahy Joiakima toy: tsy hana tariha ie. Tsy ho ambiny zisiky amy ty androm-piainany ie, sady tsy hisy ndra amy ty tarihany ahita fahombiaza ndra hipetraky amy ty seza fiadanna ty Davida ndraiky le hanapaky any Joda."

Chapter 23

¹Loza hoahy ty ze mpiamby aondry ze mandrava noho manaparitaky ty oaondry ty akata maintso--- zay ty vola Yaveh." ²Lafa zay Yaveh, azy Ndranhary Israely, le mivola mikasiky ahirey mpiaraky aondry ze miamby ty olony: "Naparitakinareo ty ondriko rey. Tsy nidarianareo ndrozy. Le hanasazy anareo Zaho noho ty raty ze nanovinareo--- zay ty vola Yaveh." ³atatenako zao ro hamory ty aondriko sisa baka amy ty tany iaby ze nandroasany androzy sady hampipoly androzy amy ty toerany misy akata, ze hamokarandrozy noho hitomboandrozy Zaho. ⁴Bakeo zaho hanaga mpiaraky aondry amindrozy eo ze hiamby androzy mba tsy hatahotsy na ho potipotiky sasy ndrozy. Tsy hisy ho trobo ndrozy---zay ty vola Yaveh. ⁵Ingo, ho avy ty andro--- zay ty vola Yaveh---lafa hampitsanga tana to hoahy Davida Zaho. Hanjaka manahaky ty mpanjaka ie; hiasa amy ty fahendrea izy sady hampisy ty rariny noho fahamarina amy ty tany zay eo. ⁶Amy ty androny le ho voavonjy i Joda, sady hiaina am-pilamiana Israely. Le zao ty anara hikaiha azy: Yaveh ro fahamarinatsika. ⁷Lafa zay ingo, ho avy ty andro---zao ty vola Yaveh---lafa tsy hivola sasy hozao ndrozy: 'Laha mbo velo avao koa Yaveh, azy nanday ty olo Israely hiboaky tany ty tana Egypta.' ⁸Fa hivola hozao ndrozy: 'Laha mbo velo avao koa Yaveh, azy nanday noho nitariky ty tariha Israely baka amy ty tany avaratsy noho ty tany iaby ze nandroahiny androzy; Bakeo le hiay amy ty tanindrozy avao ndrozy.' ⁹Laha ty mikasiky ty mpaminany rey, le maratsy ty foko, sady mangitikitky iaby ty taolako. Manjary manahaky ty olo mambo rey zaho, manahaky ty olo resy ty divay, noho Yaveh noho ty safany masy rey. ¹⁰Fa azy tany rey le atrikey mpandranto. Noho ndrozy le maiky ty tany. Maiky ty tany ty akata anefitsy any. Raty ty lala ty mpanimany rey; tsy miasa amy ty tokony ho ie ty fahefandrozy, ¹¹Fa azy mpaminany noho ty mpisoro rey le samby maloto. Fa nahita ty faharatian-drozy tanay ty tranoko mihintsy Zaho! ---zay ty vola Yaveh--- ¹²lafa zay le manahaky ty toera madoso anay ty maiky ty lalandrozy. Ho atosiko hijojo ndrozy. Hiravoky amizay eo ndrozy. Fa handefa loza amindrozy rey eo amy ty tao ty fanasazia androzy rey Zaho--- zay ty vola Yaveh. ¹³Fa hitako nanao ze mampangaharo ty mpaminany ta Samaria tany: naminany tam'i Bala ndrozy sady nitariky ty oloko Israely amy ty lala diso. ¹⁴Nahita raha mampangaroharo tany ty mpaminany ta Jerosalema teo Zaho: Nandranto ndrozy sady nandeha tany ty verivery. Nanamafy ty tana ty mpanao raty ndrozy; tsy nisy niala tammy ty raty fanaony. Nanjary nanahaky an'i Sodoma iaby ndrozyamiko sady ty mpipetraky le manahaky any Gorora!" ¹⁵Lafa zay Yaveh tompoa ty lako le mivola manahaky ty mpaminany: "Ingo, hampihina raha mahafaty noho hampino raha rano misy poizy androzy Zaho, safe ty fahalotoa le niboaky tany ty mpaminany Jerosalema rey mbamy ty tana iaby." ¹⁶Yaveh tompa ty lako le mivola hozao: "Ka mijanjy ty safy ty mpaminany ze maminany aminareo. Fa namitaky anareo ndrozy! Ndrozy rey le nanambara ty fahita baka an-tsaindrozy manoka ao avao, fa tsy avy baka amy ty vava Yaveh. ¹⁷Mivola raha fahatany amy ze manafa-baraky Ahy ndrozy rey manao hozao: 'Yaveh le manambara fa hisy fiadana hoahinareo.' Fa ty olo iaby ze mandeha amy ty hadalany ty fony le manao hozao: 'Tsy hoavay aminareo ty loza.' ¹⁸Fe ia ro nitsanga tany ty fivoriana ty synedrionan'Yaveh? Ia ty mahita ty mahare ty safany? Ia va ro nampihorira ty sofiny tany ty safany sady nijanjy?" ¹⁹Ingo, misy sikolony ho avy baka amy Yaveh! Miboaky ty helony, sady misy tsioky mare. Mitsioky mihodidy ty loha ty raty fanahy zay. ²⁰Tsy himpoly ty heloky ty Ndranhary zisiky hahatanterahany noho zisiky anandesany ty faniria ty fony. Amy ty andro farany, le ho azonareo zay. ²¹Tsy nandefa ty mpaminany rey Zaho. Niboaky avao ndrozy. Tsy nivola ndra ino ndra ino tamindrozy rey Zaho, fe mbo naminany avao ndrozy. ²²Fa laha nitsanga temy ty fivoriana ty synedrionako ndrozy, le hahavy ty oloko hahare ty safako ndrozy; nampibio androzy tany ty safy ratiny ty fanaovandrozy kolikoly. ²³Vasa Ndranhary marikitsy eo avao va Zaho--- zao ty safy Yaveh--- Fa tsy Ndranhary ty alavitsy avao koa va? ²⁴Misy olo afaky mivony amy ty toera fivonia va ka le tsy hitao?--- zay ty safy Yaveh---sa mbo tsy manatsky ty lanitsy noho ty tany koa va Zaho?---zay ty safy Yaveh. ²⁵Fa reko ty vola ty mpaminany rey, azy ze naminany verivery amy ty anarako rey. Hozao tiasandrozy: 'Nanonofy zaho! Nanonofy zaho!' ²⁶Zisiky ombia ro hitohizanizay, ry mpaminany ze maninany vandy baka an-tsaindrozy, noho maminany verivery baka anay ndrozy? ²⁷Ndrozy rey le mikinia ty hagnalinoana ty oloko ty anarako amy ty nofy ze tanterindrozy kiraikiraiaky baka amy ty mpiharo petraky aminy, manahaky ty hagnaligao ty razandrozy ty anarako noho ty anara i Bala. ²⁸Ty mpaminany ze mana nofy, engaho ie ro hitatitsy ty nofy. Fa ze nivolanako raha, engaho ie ro hanambara ty safako amy ty fahamarina. Fa ino ro ilira ty tahom-bary amy ty vary?---zay ty vola Yaveh--- ²⁹Vasa tsy manahaky ty afo va ty safako?--- zay ty safy Yaveh---sady manahaky ty maroto ze manorotoro vato ho potopotiky rey? ³⁰Le ingo, manohitsy mpaminany rey Zaho---zay ty safy Yaveh--- ze mangalatsy ty safy iaby amy ty olo hafa sady mivola fa baka amiko rey. ³¹Ingo, manohitsy mpaminany rey Zaho---zay ty vola Yaveh---ze mampiasa ty lelandrozy mba haminania fanambara. ³²Ingo, manohitsy ze mpaminany ze manonofy amy ty verivery Zaho---zay ty voala Yaveh--- le bakeo nanambara rey sady amy zay fomba zay le mamerivery ty oloko amy alala ty verivery noho ty firengerengea ndrozy. Manohitsy androzy rey Zaho, safe tsy naniraky na nanome baiko androzy rey Zaho. Lafa

zay le azo antoky fa tsy hanampy ty olo toy ndrozy---zay ty vola Yaveh.³³Lafa nanontany ty olo rey, ndra ty mpaminany, ndra ty mpisoro hozao: 'Ino ro enta mavesatsy ahy Yaveh?' le hivola amindrozy rey hozao iha: 'Nareo ro enta mavesatsy, sady handroaky nareo Zaho'---zay ty vola Yaveh.³⁴Laha ty amy mpaminany rey, mpisoro, noho ty olo ze mivola hozao: ' Toy ty vesatsy any Yaveh' le hanasazy any olo zay noho ty longony Zaho.³⁵Tsy miegny mivola nareo, ty olokiraikraiky amy ty mpiharo petraky aminy sady ty olo kiraikiraiky amy ty rahalahany manao hozao: 'Ino ty navaly Yaveh?' noho zao: 'Ino ty vola Yaveh?'³⁶Fe tsy tokony hivola ty mikasiky ty vesatsy Yaveh sasy nareo, safe ze vesatsy zay le safa ty olo kiraikiraiky , sady nareo le miteratere ty safa Ndranahary velo, azy Yaveh tompoa ty lako, Ndranaharitsika.³⁷Zao ty hovalinareo amy azy mpaminany rey hozao: ' Ino ty valiteny namean'Yaveh anareo? na hozao: 'Ino ro nivolanin'Yaveh' ³⁸Fa laha mivola hozao nareo: ' Azy vesatsy Yaveh,' le zao ty vola Yaveh: Safe nivola safa hozao rey nareo: ' Vesatsy Yaveh,' lafa naniraky anareo Zaho, nivola hozao: ' Ka mivola hozao: "Vesatsy Yaveh,""³⁹lafa zay, le ingo, hangalaky anareo Zaho sady hanoraky anareo lavitsy Ahy,miaraky amy ty tana ze nameako anareo noho ty razanareo. ⁴⁰Bakeo le hanenga henatsy noho ty fandraborabira aminareo mandrakizay ze tsy halignoa Zaho."

Chapter 24

¹Nampitoroa Yaveh raha zaho. Ingo, aviavy haro roa ro nengany tany ty fiangona Yaveh. (Fahhita io le niboaky tafara nananovan'i Nebokadnezzara, mpanjaka i Babylona sesitany an'i Joakina anakilahy Joiakima, mpanjaka an'i Joda, azy manam-pahefana an'i Joda rey, azy mpanao asa tana rey le azy mpanenfy vy baka a Jerosalema rey sady nanday androzy ta Babylona tany.) ²Azy haro raiky iny le nisy aviavy le vatany soa, manahaky ty voaloha ty aviavy masaka, fa azy haro raiky iny nisy aviavy le vatany raty le tsy nihay nihany rey. ³Hozao tiasa Yaveh tamiko: "Ino va ty hitanao, ry Jeremia? "Hozao tiasako: "Aviavy. Aviavy le vatany soa noho aviavy le vatany raty le tsy azo hohany."⁴Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ⁵"Yaveh Ndranahari@Israely, nivola hozao: Hiferinay ty sesitan'i Joda hoahy ty tombotsoandrozy Zaho,manahaky ty aviavy soa rey, azy noroasy tsy hipetraky amy ty tany toy eto ho amy ty tany Kaldeana. ⁶Ho tsipazako rano ndrozy le hampoliko amy tany io ndraiky. Hatsangako ndraiky ndrozy, le tsy ho alako. ⁷Sady ameako fo mba ahaizany Ahy, fa Zaho ro Yaveh. Ho oloko ndrozy le zaho ro Ndranahariny,le amy ty fony iaby ro hitolihandrozy Amiko.⁸Fa manahaky ty aviavy le vatany raty rey lafa hany---le zao ty vola Yaveh---manahaky fomba zay ro hananovako an'i Zedekia, mpanjaka an'i Joda, miaraky amy ty manam-boninahitsiny rey, le ty Jerosalema sisa nenga amy ty tany toy na mandeha mba hipetraky amy tany Egypta. ⁹Havaliko ho raha mampatahotsy ndrozy, ho loza amy ty maso ty fanjaka ty tany iaby, fahafaham-baraka noho fampolipoliana ohabola, fitera, sady ozo amy ty kila toera iaby ze hanandesako androzy. ¹⁰Handefa mesobe, mosary, sady arety mandripaky amindrozy Zaho, zisiky maharava androzy amy ty tany ze nameako androzy noho ty razany toy."

Chapter 25

¹Zao ty safa niavy tamy Jeremia mikasiky ty olon'i Joda iaby. Niavy zay tamy ty faha efatsy tao nanjakan'i Joiakima anak'i Josia, mpanjaka an'i Joda. Voaloaha ty tao nanjakan'i Nebokadneza, mpanjaka an'i Babylona zay.² Jeremia mpaminany nivola zao tamy ty olo iaby ta Joda noho ty mpipetraky a Jerosalema iaby.³Hozao tiasany: "Naharitsy ty roapolo telo amby tao, tamy ty faha folo telo amby tao nanjakan'i Josia anak'i Amona, mpanjaka i Joda zisiky henanizao, le niavy tamiko ty safa Yaveh sady fa nivolaniko anareo bakany bakany, fa tsy nijanjy nareo.⁴Nandefa mpaminany mpanompony rey iaby ho aminareo eo avao Yaveh bakany bakany zay, fa tsy nijanjy azy nareo ndra nidary.⁵Azy mpaminany rey nivola hozao: 'Ty olo kiraikiraiky tokony hiala amy ty fomba ratiny noho ty kolikoliny fataony sady himpoly amy ty tany ze namean'Yaveh ty razanareo tamy taloha noho ho ahinareo, ho fanomeza maharitsy.⁶Le ka manoriky ndranahary hafa rey mba hanompo ndra handohaliky amindrozy, sady ka mila Azy amy ty asa ty tananareo rey mba tsy hanisiany raty anareo.'⁷Kanefa tsy nijanjinareo Zaho---zao ty vola Yaveh---fa nila Ahy nareo amy ty asa ty tananareo mba hanisy raty anareo.⁸Le Yaveh Tompoa ty lako ro nivola hozao: 'Safe tsy nijanjy ty safako nareo,⁹ingo, handefa lily hamoria ty olo iaby baka avaratsy any Zaho--- zay ty vola Yaveh---miaraky amy Nebokadneza mpanompoko, mpanjaka an'i Babylona, sady handay andriny hanohitsy ty tanytoy zaho noho ty mpipetrakiny Zaho,sady hanohitsy ty fierenan mihodidy anareo. Fa ho atakako ndrozy rey amy ty fandrava. Havaliko ho horohoro, noho ty raha mampitsitsioky, sady fandrava tsisy fiafara ndrozy.¹⁰Hampiegneniko ty feo ty hafalea sady ty feo ty haravoravao, ty feo ty mpampianiky noho ty feo ty ampiakary, ty feo ty vato fikosoha vary sady ty fahazava ty jiro.¹¹Le hanjary faharava noho horohoro ty tany iaby toy, sady azy firenena rey le hanompo ty mpanjaka ty Babylona zisiky fitom-polo tao.¹²Sady lafa feno ty fitom-polo tao, le ho saziako ty mpanjaka ty Babylona noho firenena zay, le azy tany Kaldeana rey--- zay ty vola yaveh--- noho ty fahadisoandrozy le ataoko ho faharava tsy misy fiafara zay.¹³Le ho tanterahako amy tany zay any ty safa iaby ze fa nivolaniko, sady ty raha iaby ze nosorata amy ty boky toy ze naminania ty Jeremia hanohera ty firenena iaby toy.¹⁴Fa hampiboaky ty andevo amy ty firenena rey koa ty firenena lako hafa noho ty mpanjaka bevata lako hafa. Ho valiako araky ty ataony noho ty araky ty asa ty tanany iaby ndrozy.¹⁵Fa Yaveh, Ndranahary Ysarely, nivola zay tamiko manaohozao: "Rambeso an-tanako etoy ty kapoaky ty divay fahameloha toy le ty firerena iaby ze anirahako anao hino anizay.¹⁶Fa hino ndrozy noho ho toitsy noho zay sady hiviombio manahaky ty gegy aloha ty mesobe ze alefa amindrozy eo."¹⁷Le norambesiko baka an-tana Yaveh teo ty kapoaky, le nampinomiko zay ty firenena iaby ze nalefa Yaveh ahy:¹⁸ le i Jerosalema, azy tana bevata ahy Joda noho ty mpanjakany sady ty manam-boninahitsy--- mba hamaliky androzy ho faharava noho raha mampatahotsy, ty raha mampitsitsioky noho ty fanozona, manahaky androzy amy andro zao.¹⁹Tsy maintsy mino anizay koa azy fierenena ilany rey: Farao mpanjaka an'i Egipta noho mpiasany rey; azy manam-boninahitsy noho ty olony;²⁰ty olo aby samby mana ty fiaviany noho ty mpanjaka iaby baka amy ty tany Oza; azy mpanjaka iaby baka amy ty tana Filistia ---Askelona, Gaza, Ekron, le ty ilany Asdoda a ny;²¹Edoma noho Moaba le ty olon'i Amona.²²Azy mpanjaka ahy Tyro noho Sidona, azy mpanjaka ty moron-driaky ampita ty riaky,²³Dedana, Tema, le Boza miarakany amy ty olo iaby ze nanapaky ty volon-dohandrozy, tsy maintsy nini anizay avao koa ndrozy.²⁴Azy olo retia le tsy mino anizay avao koa: ty mpanjaka ahy Arabia iaby sady ty mpanjaka ty olo samby hafa fiavia iabyze mipetraky anefitsy any; ty mpanjaka an'i Zimry iaby,²⁵ty mpanjaka an'i Elama iaby, sady ty mpanjaka ty Media iaby;²⁶ ty mpanjaka ty avaratsy iaby, ndra marikitsy ndra lavitsy---ty olo kiraikiraiky miarakany amy ty rahalahany sady ty fanjaka iaby amy zao tontolo zao ze anabo ty tany. Tafaran-drozy iaby le ty mpanjaka ty Babylona ro hino ty farany.²⁷Nivola hozao tamiko Yaveh: "Henany zao tsy maintsy hivola amindrozy rey manao hozao iha: 'Yaveh Tompoa ty lako, Ndranahary Israely,nivola hozao: minoma le mimamo, sady mandoava, miravoha,sady ka mitsanga aloha ty mesobe ze nampandinako aminareo eo.'²⁸Sady laha manda tsy handramby azy kapoaky iny hinoma an-tananao eny ndrozy,le volano hozao ndrozy: 'nivola hozao yaveh tompoa ty lako: tsy maintsy mino anizay vatany nareo.²⁹Fa ingo, handay loza amy azy tana zay eo ze nikaiky tamy ty anarako Zaho, le tokony ho afaky amy ty fanasazia va nareo? Tsy ho afaky nareo, safe hikaiky mesobe hanohitsy ty mpipetraky amy azy tany zay iaby Zaho!---zay ty vola Yaveh Tompoa ty lako.³⁰Tsy maintsy maminany ty safa iaby rey amindrozy iha, sady volano hozao ndrozy:'Hitrero baka amy anabo Yaveh sady hanondrotsy ty feony baka amy ty fitoera masy, sady hitrero mare amy ty fitoerany Ie; sady hikoraky Ie, manahaky ty manitsakitsaky ty voaloboky manohitsy ty ze miay an-tany etoy iaby.³¹Ty feo ty aly ho re baka amy fara ty tany,fa Yaveh nanday fanasara amy ty firenena rey, sady manday fitsara hoahy ty nofitsy iaby Ie. Hanesy ty raty fanahy rey amy ty mesobe Ie--- zay ty vola yaveh.³²Yaveh Tompoa ty lako nivola hozao:'Ingo, hiboaky hihazo ty firenena ty loza, sady miongaky baka amy ty faritsy lavitsy mare amy ty tany ty an-dian-tsioky mare.³³Sady azy nivonao Yaveh amy andro rezay le hihitatsy baka amy ty fiafara ty tany raiky le zisiky amy ty ilany hafa; tsy hisaona ndrozy, ndra

havory, ndra ho alevy. Hanahaky ty zeziky anabo ty tany ndrozy.³⁴Mitoretoreova, ry mpiaraky aondry,sady mila vonjy! Miodakodaha amy posiera eo, nareo mpitariky ty aondry, fa efa niavy ty andro famonoa anareo; hiparitaky manahaky ty valany matify nareo lafa miravoky. ³⁵Tsy misy fialofa hoahy ty mpiaraky aondry, tsy afaka milay ty mpitariky aondry rey. ³⁶Janjino ty tany ty mpiaraky aondry rey noho ty fitarina ty mpitariky aondry, fa simban'Yaveh ty akatandrozy.³⁷Le ho simbasimba ty akata noho ty heloky Yaveh. ³⁸Manahaky ty liona tanora, nanenga ty lavakiny ie, safe ty tanindrozy le hanjary horohoro noho ty helokiny ty mpampijaly, noho ty fireheta ty helony."

Chapter 26

¹Tamy ty fiatomboha ty fanjaka ahy Joikima anakilahy Josia, le niavy baka amy Yaveh safa zao, manao hozao:

²"Yaveh nivola hozao: "Miongaha sady volano amy ty tana i Joda iaby ze niavy hanao fotoa fivavaha an-tranoko ao. Volano iaby ty safa ze nandidiako anao ho volany amindrozy. Ka misy safa anafahy! ³Vasa ndrozy mba hijanjy, le hiala amy ty lalan-dratiny ty olo kiraikiraiky, le hitanjaky ty loza tiako handesy amindrozy rey eo noho ty faharatia ty fombandrozy rey Zaho. ⁴Le tsy maintsy mivola amindrozy rey manao hozao iha: 'Zao ro nivoanan'Yaveh: Laha tsy mijanjy ahy nareosady tsy mandeha araky ty lalako ze nengako tanatrehanareo--- ⁵laha tsy mijanjy ty safa ty mpaminany mpanompoko nareo ze niaretako nalefako taminareo nareo--- fa tsy nijanjy nareo! ⁶---le anoviko manahaky an'i Silo ty trano toy; ho anoviko ozo eo imaso ty firenena iaby heniky ty tana toy.'" ⁷Azy mpisoro rey, azy mpaminany rey, noho ty olo iaby le nahare an'i Jeremia nivola safa zay tan-trano Yaveh tao. ⁸Sady laha vatany vo nivita ty fanamvara i Jeremia ty safa ze nandidia ty Yaveh azy ho volany amy ty olo iaby, le nisambotsy androzy rey ty mpisoro, mpaminany rey, ty olo iaby le nanao hozao: "le vatany ho maty iha! ⁹Nanino iha ro naminany tamy anara Yaveh sady nivola fa trano toy le hanahaky an'i Silo sady ty tana toy le ho tsy hisy haolo, sady tsy hisy mpipetraky? Fa ty olo iaby hivory nanohitsy an'i Jeremia tan-trano Yaveh tao. ¹⁰Sady nahare safa zay azy manam-boninahitsy Joda sady niakatsy baka an-trano ty mpanjaka ho mban-trano Yaveh any. Nipetraky tam-bavahady tamy vavahady vaovao trano Yaveh teo ndrozy. ¹¹Azy mpisoro noho ty mpaminany rey niresaky tamy ty manam-boninahitsy noho ty olo iaby. Hozao tiasandrozy: "Mendriky ho tiahy lahilahy toy ty ho maty, fa naminany hanohitsy ty tana toy ie, araky ty renareo tamy ty sofinareo!" ¹²Le niresaky tamy ty manam-boninahitsy noho ty olo iaby i Jeremia le nivola hozao: "Yaveh ro nandefa ahy haminany hanohitsy ty trano noho ty tana toy, mba hivola ty safa iaby ze fa renareo. ¹³Le henanizao, hasoavo ty tananaro noho ty fanaonareo, sady janjino ty feo Yaveh Ndranaharinareo mba hanenenany mikasiky ty loza ze nambarany hanoherana anareo. ¹⁴Zaho mihintsy ro an-tananareo eo_hentao zaho! Anovo amiko ze soa noho ty to iamasonareo. ¹⁵Fa tokony ho hainareo vatany fa laha mamono ahy nareo, le handay llio to hoahy ty vatanareo noho hoahy ty tana toy noho ty mpipetraky aminy ao, fa Yaveh vatany ro nandefa ahy tamy nareo teo hanambara ty safa iaby rey ho re ty sofinareo. ¹⁶Le manam-boninahitsy rey noho ty olo iaby nivola tamy ty mpisoro noho ty mpaminany manao hozao: " Tsy mendriky ty ho maty lahilahy toy safe nivola raha tamitsika ie." ¹⁷Le nitsanga ty lohola ty tany le nivola tamy ty fiangona ty olo iaby. ¹⁸Hozao tiasandrozy: "Mika Morastita le naminany tamy ty andron'i Hezekia mpanjaka an'i Joda. Niresaky tamy ty olon'i Joda iaby ie le nanao hozao: 'Yaveh Tompoa ty lako nivola hozao: ho asa manahaky ty baibo i Ziona, hanjary korotan-bato i Jerosalema, sady ty vohitsy ty fiangona le hanjary vohitsy atriaky akata lako.' ¹⁹Namono azy va i Hezekia mpanjaka an'i Joda noho ty Joda iaby? Tsy navaka an'Yaveh va ie le tsy nampanahy ty vatan'Yaveh mba hampienena Yaveh ty loza ze fa nivolaniny androzy? Le hanao raha raty bevata amy ty aintsika avao koa va tsika? ²⁰Tanilanizay eo avao koa le nisy lahilahy hafa ze naminany tamy anara Yaveh---Oria anakilahy Semaia baka amy i Kiriata Jearima---ie koa le naminany hanohitsy ty tana noho ty tany toy, nifanaraky tamy ty safa i Jeremia iaby. ²¹Fa lafa ren'i Joiakima mpanjaka noho ty miaramilany iaby noho ty manam-boninahitsy ty safany, le niezaky hamono azy ty mpanjaka, fe nireny Oria zay le navaka, le nilay le nandeha mba Egypta. ²²Le nandefa lahilahy ho Egypta any ty mpanjaka Joiakima---Elnatana anakilah'i Akbora noho ty lahilahy handeha a Egypta any hanoriky an'i Oria. ²³Nalandrozy hiboaky baka Egypta tao i Oria le nandesy tamy Joiakima mpanjaka teo ie. Le novonoa i Joiakima tamy ty mesobe ie le nalefany tamy ty lolon'olo tsotra ty fatiny. ²⁴Fa ty tana ty Ahikama anakilah'i Safana le niaraky tamy Jeremia, le tsy nasesy tan-tana ty olo mba ho vonoa ie.

Chapter 27

¹tamy ty fanomboha ty fanjakan'i Zekedia anakilahy i Josia, mpanjakan'i Joda, le niavy tamy Jeremia ty safa baka amy Yaveh toy. ²Zao ty vola Yaveh tamiko manao hozo: "manamboara fameheza noho zioga hoahy ty vatanao. Engaho amy ty hatokinao rey. ³Bakeo le alefaso amy ty mpanjaka an'i Edoma any, mpanjaka an'i Moaba, mpanjaka ty olon'i Amona, mpanjaka an'i Tyro, le amy ty mpanjaka an'i Sidona rey. Ampandinao amy alala ty tana ty masoivoho ty mpanjaka rey ze nniavy ta Jerosalema ho amy Zedekia mpanjaka an'i Joda any rey. ⁴Omeo baiko ndrozy sady volano hozo: "Yaveh tompa ty lako, Ndranahary an'Israely, le nivola hozo: Zao ro tsy maintsy volaninareo amy ty tomponareo rey." ⁵"Vata-tenanako ro nanao ty tany tany ty alala ty tanjako beveta noho ty sandriko nitsanga. Zaho avao koa ro namboatsy ty olo noho ty biby anabo ty tany, sdy nameako ze to tamasoko teo zay. ⁶Le henanizao, Vatatenako ro hanome ty tany iaby rey ho an-tana i Nebokadneza, mpanjaka an'i Babylona, mpanompoko. Ameako azy avao koa ty raha managnay ambaibo eny mba hanompo azy. ⁷Fa ty firenena iaby le hanompo azy, anakilahiny rey, sady ty zafikeliny zisiky hiavia ty fotoa ty taniny. Sady hisy firenena lako noho mpanjaka bevata handresy azy. ⁸Lafa zay ty firenena nnoho ty fanjaka ze tsy nanompoa an'i Nebokadneza, mpanjaka an'i Babylona, sady tsy mametraky ty hatony ambany ty zioga ty mpanjaka an'i Babylona ---le ho saziako amy ty mesobe, mosary sady arety mandripaky zay firenena zay---zay ty vola Yaveh---zisiky andravako androzy amy alala ty tanany. ⁹Le ka mijanjy azy mpivola ty ho avy rey, mpisikilianareo rey, mpahitanareo rey, mpagnety ty ho avy rey, sady ty mpamosavy rey, ze nivola taminareo sady nivola hozo: 'Ka manompo ty mpanjaka an'i Babylona.' ¹⁰Fa ndrozy rey le maminany vandy aminareo mba hampandina anareo lavitsy ty taninareo, fa ho roasiko nareo, sady ho maty nareo. ¹¹Fa ty firenena ze mametraky ty hatony ambany ty zioga ty mpanjaka ty Babylona ao ka manompoa azy, le engako hiegnny amy ty taniny zay---zay ty vola Yaveh---sady hamboly amizay eo ndrozy sady hamboatsy ty tranondrozy amizay eo." ¹²Le niresaky tany Zedekia mpanjaka an'i Joda Zahole nanome azy hafatsy zao: "Engaho ambany ty zioga ty mpanjaka tiahy Babylona ty hatokinareo sady manompoa azy noho ty olony, sady ho velo nareo. ¹³Nanino nareo ro ho maty---iha noho ty olonao---amy alala ty mesobe, mosary, noho ty arety mandripaky, manahaky ty fa nivolaniko mikasiky ty firenena ze tsy manenky ty hanompo ty mpanjaka an'i Babylona? ¹⁴ka mijanjy ty safa ty mpaminany ze mivola aminareo sady mivola hozo: 'Ka manompo ty mpanjaka an'i Babylona,' safe maminany vandy aminareo ndrozy. ¹⁵Fa tsy nandefa androzy Zaho---zay ty vola Yaveh---fa ndrozy rey maminany verivery amy ty anarako mba handroasako anareo le ho maty nareo, nareo noho ty mpaminany rey ze maminany taminareo." ¹⁶Nambarako tany ty mpisoro rey noho ty olo iaby zay sady nanao hozo: "Zao ty vola Yaveh: Ka mijanjy ty safa ty mpaminany rey ze maminany aminareo le manao hozo: 'Ingo! Ty raha tan-trano Yaveh rey le nampoly ta Babylona henenizao!' Maminany vandy taminareo ndrozy. ¹⁷Ka mijanjy androzy. Tokony hanompo ty mpanjaka an'i Babylona nareo sady ho velo. Nanino ro tokony ho simba ty tana toy? ¹⁸Laha mpaminany ndrozy, sady laha nniavy tamindrozy vatany ty safa Yaveh, le engaho ndrozy hangataky amy Yaveh tompoa ty lako mba tsy handefa amy Babylona azy raha nenga tan-tranony rey, azy trano ty mpanjaka an'i Joda, nojo Jerosalema. ¹⁹Yaveh tompoa ty lako le mivola zao mikasiky ty toha, tyfasian-drano bevata, noho ty polasy ty fasian-drano, sady ty amby ty raha ze nenga amy ty tana io ao---²⁰ty raha ze tsy nirambesy i Nebokadneza rey lafa nitarazo an'i Jekonia anakilahy an'i Joiakima, mpanjaka an'i Joda, ho babo baka a Jerosalema ho a Babylona any niaraky tany ty manan'anak'i Joda noho i Jerosalema. ²¹Yaveh tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, le nivola zaomokasiky ty raha ze nenga amy ty trano Yvaveh ao, azyty trano ty mpanjaka an'i Joda, noho Jerosalema manao hozo: ' ²²Handesy a Babylona rey, sady hipetraky anyzisiky hiavia ty andro hiaviako hoahindrozy---zay ty volan'Yaveh---bakeo Zaho handay androzy hiakatsy sady hampipoly rey amy ty toera io any."

Chapter 28

¹Tamy tao zay, tamy ty fanomboaha ty fanjaka i Zedekia mpanjaka an'i Joda, tamy ty faha efatsy ty tao noho fahalimy ty vola, Hanania anakilahin'i Azora mpaminany, ze niavy baka Gibeona, le nivola tamiko tan-tranon'Yaveh tao nniatsiky ty mpaminany rey noho ty olo iaby. Hozao tiasany: ²"Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, mivola hozao: Fa novakiako ty zioga ze nennga ty mpanjaka an'i Babylona. ³Anay ty tao roe le hampoliko amy ty toera toy eto ty kila raha iaby tan-tranon'Yaveh ze nalay Nebokadnezzara mpanjaka an'i Babylona tamy ty toera toy teto le nitaominy mba Babylona any. ⁴Le handesiko mimmpoly amy ty toera toy i jekonia anakilahin'i Joiakima, mpanjaka an'i Joda, sady ty azo sambotsy iaby ze nirahy mba babylona any---zay ty vola Yaveh---fa handrava ty zioga ty mpanjaka an'i Babylona zaho." ⁵Le nivola tamy Hanania mpaminany taloha ty mpisoro noho ty olo iaby ze mitsanga niatsiky an'Yaveh i Jeremia mpaminany. ⁶Hozao tiasa Jeremia mpaminany. "Hanao zay lahy Yaveh! Yaveh lahy hanamafy ty safa ze naminanianao le hampipoly ty raha an-tranon'Yaveh amy ty toera toy eto, noho ty azo sambotsy iaby amy ty tana ty Babylona. ⁷Ndra zay aza, janjino ze safa volaniko an-tsofinao noho an-tsofy ty olo niaby. ⁸Azy mpaminany ze nisy talohako teo rey noho talohanao taloha ela biby avao koa le naminany mikasiky ty firenena lako noho nanohitsy ty fanjaka bevata, mikasiky ty aly, mosary, noho ty arety mandripaky. ⁹Fa ty mpaminany ze naminany fa hisy fiadana---laha tanteraky ty safany, le hay fa mpaminany nirahy Yaveh vatany ye." ¹⁰Fa nirambesin'i Hanania mpaminany azy Zioga tan-tenda i Jeremia mpaminany teny sady novakiany zay. ¹¹Bakeo le nivola niatriky ty olo iaby i Hanania le nanao hozao: "zao ty safa Yaveh: manahaky zay koa, anay ty roe tao le ho vakiako iaby ty zioga ze nengan'i Nebokadnezzara mpanjaka an'i Babylona tan-tenda ty firenena iaby." Le nanoriky ty lalany i Jeremia mpaminany. ¹²Tafara ty nandrava an'i Hanania mpaminany ty zioga tan-tenda ty Jeremia mpaminany, le niavy tamy Jeremia mpaminany ty safa Yaveh manao hozao: ¹³"Mandina le mivolana amy Hanania mpaminany manao hozao: 'zao ty vola Yaveh: namaky zioga hazo Iha, fa Zaho koa hanao zioga vy.' ¹⁴Fa zao ty volan' Yaveh tompoa ty lako: Fa nanenga zioga vy tamy ty tenda ty firenena iaby ze nanompo an'i Nebokadnezzara mpanjaka an'i Babylona rey Zaho, le hanompo androzy. Fa nanome biby ly androzy avao koa Zaho mba hanapaky aminy eo." ¹⁵Tafaran'izay i Jeremia mpaminany le nivola tamy Hanania mpaminany hozao: "Mijanjina ry Hanania! Tsy naniraky anao Yaveh, fa iha vatatenanao ro nahavy ty olo rey hino vandy. ¹⁶Le zao ty volan'Yaveh: Ingo, hanala anao an-tany toy eto Zaho. Ho maty amy ty tao toy iha, safe nivola aly tamy Yaveh iha." ¹⁷Tamy ty fahafito ty vola ty tao zay avao, le maty i Hanania mpaminany.

Chapter 29

¹Retia ty safa tamy ty horonan-taratasy ze nalefan'i Jeremia mpaminany baka a Jerosalema any hoahy ty loholo ilany nenga tamy ty fanambora noho tamy ty mpisoro, azy mpaminaniny rey, sady ty olo ze nanovin'i Nebokadneza sesitany baka a Jerosalema any mbamy Babylona. ²Zay le tafara ty nandefasa an'i Jekonia mpanjaka, noho ty reny ty mpanjaka ampela, noho ty manam-pahefa anabo, ty mpitariky an'i Joda noho Jerosalema, sady ty mpanao asa tana ta jerosalema tany. ³Nampanandesany an'i Elasa anaky Safana sady Gemaria anaky i Helkia ze nirahan'i Zedekia mpanjaka an'i Joda, tamy Nebokadneza mpanjaka Babylona tany, azy horonan-taratasy iny. ⁴Zao ty resa ty horonan-taratasy iny: "Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Issraely, milaza anizao amy ty azo sambotsy iaby ze nanoviko sesitany baka Jerosalema tany ho a Babylona any: ⁵"Manamboara trano sady mipetraha amirey ao. Mambolea zaridaina sady hano ty voanirey. ⁶Mangala valy sady miteraha anakilahy noho anak'ampela. Le a, angalao valy ty anakilahinareo, sady omeo valy ty anakam-pelanareo. Enaho ndrozy hiteraky anakilahy noho anakam-pela sady ampitombo rey mba tsy hanjary kely mare nareo. ⁷Ila ty fiadana ty tana ze nananovako anareo ho fandroaha, sady mivavaha amiko hoahizay safe haha ao ty fiadana le hisy fiadana hoahinao ao. ⁸Fa Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, le nivola hozao: 'Ka manenga ty mpaminany rey ze anivonareo eo rey noho ty mpisikily mamerivery anareo, sady ka mijanjy ty nofiny ze nofininareo rey. ⁹Fa ndrozy rey le maminany verivery amy ty anarako aminareo. Tsy nandefa androzy rey Zaho---zay ty resan'Yaveh. ¹⁰Fa zao ty resan'Yaveh: 'Lafa nanapaky anareo naharitsy fitom-polo tao i Babylona, le hanampy anareo Zaho sady hanatanteraky ty safa soako ho ahinareo mba hanampoliana anareo amy ty toera toy. ¹¹Fa ty vata tenako ro mahay ty faniriako ho ahinareo---zay ty resan'Yaveh---Faniria fiadana fa tsy loza, mba hanome ho avy noho ty fanantena ho ahinareo. ¹²Le hikaiky ahy nareo, sady handeha le hivavaky amiko, le hijanjy anareo Zaho. ¹³Fa hila Ahy nareo le hahitaky Ahy, safe amy ty fonareo iaby ro ilanareo Ahy. ¹⁴Le ho hitanareo Zaho---zay ty resan'Yaveh---le ho ampoliko ty harenareo; ho avoriko baka amy ty firenena noho ty toera iaby nampiparitahako anareo nareo---zay ty resan'Yaveh---fa hampipoly anareo amy ty toera ze nandroasako anareo Zaho. ¹⁵Safe nareo le nivola fa Yaveh le nanondrotsy mpaminany ho ahinay a Babylona any, ¹⁶le zao ty nivolanin'Yaveh amy ty mpanjaka ze mipetraky amy ty sieza fiadanan'i Davida noho amy ty olo iaby ze mipetraky amy tana zay any, rahalahinareo mbo tsy niboaky ho voasambotsy niaraky taminareo rey--- ¹⁷Zao ty resan'Yaveh tompoa ty lako: 'Ingo, handefa mesobe, mosary, noho arety amindrozy eo Zaho. Fa hanoviko manahaky ty aviavy lo azy le vatany raty laha ho hany rey ndrozy. ¹⁸Le nagnindy androzy tamy ty mesobe, mosary, noho arety mandripaky Zaho sady hanao androzy ho mampangaroharo anatreha ty fanjaka ty tany iaby---horohoro, fitaova fanozona noho mampitsiotsioky, sady raha mahamenatsy amy ty firenena iaby ze nampiparitahako azy. ¹⁹Nahavy anizay le safe tsy nijanjy ty feoko ndrozy---zay ty resan'Yaveh---ze nalefako androzy tamy alala ty mpaminany mpanompoko. Nandefandrozy sanandro sanadro Zaho, fe tsy nijanjy nareo---zay ty resan'Yaveh. ²⁰Le janjino ty safa Yaveh, nareo noroasy iaby ze nampandina bala a Jerosalema ho a Babylona any: ²¹'Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, le nivola hozao mikasiky an'i Ahaba anak'i Kolaia noho Zedekia anak'i Mahaseia, ze naminany vandy aminareo tamy ty anarako: Ingo, hanenga androzy an-tana i Nebokadneza mpanjaka an'i Babylona Zaho. hamono androzy miatsiky anareo eo Ie. ²²Le hisy ozo ho volany ty azo sambotsy ahy Joda uiaby rey a Babylona any mikasiky olo rey. Azy ozo zay le hivola hozao: Hanovin'Yaveh manahaky an'i Zedekia noho Ahaba lahy nareo, ze nanovy ty mpanjaka ahy Babylona tamy ty afo. ²³Hiboaky zay noho ty raha mahamentsy ze nannovindrozy ta Israely tany lefa nadranto tamy ty valy ty namany noho nivola safa vandy tamy ty anarako, raha raiky le mbo tsy nandiadiako androzy ho volany mihintsy. Fa Zaho azy mahay iny; Zaho ro vavolombelo---zay ty resan'Yaveh. ²⁴"Laha amy ty Semaia Nehelamita, le zao ty volano: ²⁵"Zao ty volan'Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely: Safe iha nandefa taratasy tamy ty anaranao avao tammy ty olo iaby ta Jerosalema, tamy Zefania anak'i Masaia mpisoro, sady tamy ty mpisoro iaby, sady nivola hozao: ²⁶"hataon'Yaveh mpisoro nareo fa tsy Joiada mpisoro, mba hiambenanareo ty tarano an'Yaveh. Iha ro mifehy ty olo iaby ze tsy ampy say noho manao ty vatandrozy ho mpaminany. Tokony ho gadra noho afehy amy ty seny vy ndrozy. ²⁷Le henanizao, Nanino nareo ro tsy nivola mare an'i Jeremia amy ty Anatota, ze manao ty vatany ho mpaminany manohitsy anareo? ²⁸Fe fa nampaniraky ho ahinay ho a Babylona any ie sady nivola hozao: 'Ho ela fotoa zay. Manamboara trano sady mipetraha amizay eo, mambolea zaridaina sady hano ty voany rey. ²⁹Namaky ty taratasy toy i Zefania mpaminany tan-tsofy Jeremia mpaminany. ³⁰Le niavy tamy Jeremia ty safa Yaveh, mano hozao: ³¹"Mandefasa safa amy ty sesitany rey iaby sady volano hozao: 'Zao ty resan'Yaveh mikasiky an'i Semaia Nehelamita: Safe fa naminany taminareo i Semaia lafa tsy nandefa azy ty vata-tenako, sady nitariky anareo nino vandy rey, ³²lafa zay le zao ty volan'Yavhe: Ingo, fa hanasazy an'i Semaia Nahalemita noho ty tarihany rey Zaho. Tsy hisy olo hiegnny amy oloko eo---zay ty resan'Yaveh---fa nitry fialia hanohitsy an'Yavhe ie."

Chapter 30

¹Ty safa ze niavy tamy Jeremiabaka amy Yaveh le manao hozao: ²"Zao ty vola Yaveh, Ndranahary an'Israely: 'Sorato anay ty horonan-taratasy ho ahinao ty safa iaby ze nivolaniko taminao. tamy ty horonan-taratasy.³ Fa ingo, ho avy ty andro--- zay ty vola Yaveh---ze hanampoliana ty hanagna ty oloko, le Israely noho i Joda . Zaho , Yaveh, ro mivola anizay. Fa handesiko mimpoly amy ty tany ze nameako ty razany ndrozy, sady ho haindrozy zay.'" ⁴Zao ty safa ze nivolan'Yaveh mikasiky an'Israely noho i Joda: "Fa zao ty volan'Yaveh: ⁵"Feo mangitikitiky ty horohoro ty renay fe tsy fiadana.⁶ Anontanio sady henteo laha misy lahilahy manday troky. Nanino Zaho ro nahita ty pamaraky iaby manenga ty tanany am-balahany manahaky ty ampela trony? Nanino vasa ty tarehindrozy iaby ro foty hasatsy?⁷ Loza! Fa ho be ze andro zay, sady tsy misy manahaky zay. Ho fotoa mampitainaina a'i Jakoba zay, fe ho afaky amizay ie.⁸ Fa amy zay andro zay---zay ty volan'Yaveh tompoa ty lako---ro anapahako ty zioga hiala amy ty vozonareo, sady hampitipotiky ty seny vy anareo, le tsy handevo anareo sasy ty vahiny . ⁹Fa hivavaky amy Yaveh Ndranahary ny ndrozy sady hanompo an'i Davida mpanjakany, ze hanoviko ho mpanjakan-drozy.¹⁰ Le iha Jakoba mpanompoko, ka mavaka---zay ty volan'Yaveh---le ka mavaka, ry Israely. Fa ingo, fa handay anao himpoly baka lavitsy any Zaho, sady ty tarihanao amy ty tany ty fahazoa sambotsy. Himpoly i Jakoba le hiada; hilamy ie, sady tsy hisy horohoro sasy.¹¹ Fa Zaho miarakany aminao---zay ty volan'Yaveh---mba hamonjy anao. Le vatany ho ravako mihintsy ty amy firenena iaby ze nampiparitahako anao rey. Fa tsy handany anao vatany Zaho, ndra manasazy anao amy ty haton'Zaho le tsy hananga anao ho hiala maiky.¹² Fa zao ty volan'Yaveh: "Tsy azo janga ty ferinnao; nolotoa ty ratsinao. ¹³Tsy misy hisolo vava anao; tsy misy fanafoly hoahy ty ratsinao mba hahajanga anao.¹⁴ Nagnalino anao ty olo teanao iaby. Tsy hila anao ndrozy, fa nampisondrotsy anao tamy ty ratsy ty fahavalo noho tamy ty fanasazia ty tompo lozabe Zaho noho amy ty hadisoanao noho ty fahotanao tsy hay hisafy. ¹⁵Nanino iha ro mikoiky vonjy noho ty ratsinao? Tsy mety janga ty fanaintainanao. Noho amy ty hadisoanao rey, ty fahota tsy hay hisafy rey, le nanoviko taminao reha rey. Le ze namotiky anao iaby le ho potehiko, sady ze mialy maminao iaby le hanjary ho azo sambotsy. Fa azy ze manambotsy anao le ho sambory, sady ze mandrava anao le ho ravako. Fa handay fahajanga aminao Zaho; hampijanga anao amy ty ratsinao Zaho---zay ty vola ty Yaveh---hanoviko zay safe ndrozy iaby le nikaiky anao hozao: Ry noroasy. Tsy mba misy midary an'i Ziona toy."¹⁶ Zao ty volan'Yaveh: "Ingo, hampipoly ty hanagnany lay ty Jakoba Zaho sady hiferinay ty tranony rey. Le hisy tana hitsanga amy ty faharava mivangongo, sady himpoly amy ty toera nisy azy ndraiky ty fiarova mare. ¹⁷Le hisy hira fidera noho ty feo fifalia hiboaky baka amindrozy, fa hampitombo androzy Zaho fa tsy hampihena; hameako voninahitsy ndrozy mba tsy hajojo. ¹⁸Le hanahaky tamy ty taloha teo ty probolemondrozy, le ty fiangonandrozy le hamboary matriky ahy eo lafa manasazy ze mampijaly androzy rey amizay eo Zaho. ¹⁹Hiboaky baka amindrozy ao ty mpitariky androzy. baka anivondrozy rey eo ro hiboahany lafa ampifamonjeko sady lafa mamonjy Ahy ie. Laha tsy manao anizay Zaho, le ia ro mahasaky magnato ahy. Laha tsy manao anizay Zaho? ---zay ty volan'Yaveh. ²⁰Le ho oloko nareo, le zaho ro Ndranaharinareo. ²¹Ingo, ty tsioky an'Yaveh, ty helony, fa hiboaky. Tsioky mitohy zay. Hiodakodaky an-doha ty olo raty fanahy zay. ²²Tsy himpoly ty helok'Yaveh zisiky havitany ty faniria ty fo. Amy ty andro farany, le ho takatsinao zay."

Chapter 31

¹Tamy fotoa zay--- zao ty volan'Yaveh---ho Ndranahary t Israely iaby Zaho, sady la ho oloko ndrozy."² Zao ty resan'Yaveh: "Ty olo ze maty ty mesobe le nahita sitraky baka anefitsy; hiboaky Zaho mba hanome fitsahara an'Israely." ³Taloha Yaveh niseho tamiko sady nivola hozao: "Nitea anao Zaho, ry Israely,tamy fitiava maharitsy mandrakizay. Le nitao anao hagnato Ahy tamy ty fanenkea matokey Zaho.⁴Hampitsanga anao ndraiky Zaho le hitsanga iha, ry Israely virijiny. Handramby ty aponga tampaky anareo nareo le hiboaky amy ty tsinjaky fifalia. ⁵Hamboly tanim-boaloboky ndraiky amy ty vohitsy ty Samaria nareo; mpamboly rey le hamboly sady hanenga ty vokatsy amy ty tokony ila azy. ⁶Fa hoavy ty andro hivolana ty mpiamby amy ty vohitsy Efraima eo hanao hozao: 'Miongaha , ndao tsika hanganiky a Ziona amy Yaveh Ndranaharitsika any.'⁷Fa zao ty vola Yaveh: "Mikoraha amy ty fifalia hoah;i Jaboka! Mikoraha amy ty firavoravao hoahy ty olo be firenena rey! Tokony ho re ty fanompoa. Volano hozao: ' Fa namonjy ty olony Yaveh, ty ialany sisa tavela amy Israely rey.'⁸Ingo, fa handay androzy rey baka amy ty tany avaratsy ao Zaho. Hamory androzy baka amy ty tany lavitsy biby Zaho. Ho namandrozy rey ty jiky noho ty malemy; hiaraky amindrozy ty ampela bevoka noho ty fa ho teraky rey. Hisy fiangona bevata himpoly eto. ⁹Ho avy ampitania ndrozy; hitariky androzy araky ze fangatahany Zaho. Hampandinako amy ty rano lako amy ty lala mahity ndrozy. Tsy ho toitsy amizay ndrozy, fa ho baba ty Israely Zaho sady ho taolanoloko i Efraima."¹⁰Janjino ty safa Yaveh, ry firenena. Tatero heniky ty faritsy lavitsy any. Nareo firenena rey le tsy maintsy hivola hozao: Azy nanaparitaky an'Israely iny la tsy maintsy hamory azy manahaky ty mpiaraky aondry midary ty aondryny." ¹¹Fa nandoa ty vily ty fanavota an'i Jakoba Yaveh sady nanavotsy azy tamy tana mafy mare ho tiazy.¹²Sady hoavy ndrozy le hifaly amy ty anabo i Ziona eo. Hipiriaky noho ty hasoany Yaveh ty vatandrozy, amy ty tsifa noho Divay vaovao, amy ty menaky noho ty anaky ty anak'aondry noho ty aosy noho ty aomby. Fa hanjary manahaky ty zaridaina notondrahy ty fiainan-drozy, sady tsy hahatsapa alahello sasy ndrozy.¹³Le hifaly amy ty tsinjaky ty virijiny rey, sady hiaraky ty tanora noho ty lahilahy antitsy. Fa ho avaliko fankalaza ty fisaonandrozy. Hiferinay androzy Zaho le hampifaly androzy fa tsy hampalahelo.¹⁴Le holembefiko vatany ty fiaina ty mpisoro rey. Hanatsiky ty vatandrozy amy ty fahasoavako ty oloko---zay ty volan'Yaveh."¹⁵Zao ty vola'Yaveh: Nisy feo nire ta Rama tany, fitoretoreova noho ty fitomania mare. Lafa nitany ty anany reyzay. Tsy nanenky ty hampionona ty amindrozy rey ie, safe fa tsy miay sasy ndrozy."¹⁶Zao ty volan' Yaveh: "ampianeno amy ty fitomania ty feona sady amy ty ranomaso ty masonao; safe fa misy valiny ty fijalianao---zay ty safa Yaveh--- himpoly amy ty taniny ty fahavalo anakinao. ¹⁷Misy fanantena amy ty hoavinao---zay ty vola Yaveh---himpoly amy ty faritsy ty tanindrozy ty tarihanao."¹⁸Fa nireko fa nalahelo vatany i Efraima nanao hozao: 'Nanasay ahy Iha, sady fa nisazia manahaky ty anak'aomby tsy zara Zaho. Andeso mimpoly zaho le himpoly,fa Iha ro Yaveh Ndranahariko. ¹⁹Fa tafara nimpoliananko taminao, le naneny zaho, le nanampify ty feko zaho. Latsa-baraka noho menatsy zaho, fa niteraky heloky ty fahatanorako."²⁰Sa tsy anako koa va i Efraima? Sa tsy malalako koa va ie, anaky teako? Fa ndra ombia ndra ombia ty hivolako azy, le mbo hahatiaro am-pitiava azy vatany Zaho. Zay ro iferinesa ty foko azy. Hiferinay azy vatany Zaho---zay ty volan'Yaveh."²¹Manenga fanantaran-dala ho ahinareo. Manenga bolokom-by tari-dala hoahinareo. Saino ty lala mahity, le ty lala ze tokony handinanao. Mimpolia , ry Israely virijiny! Mimpolia amy ty tananareo rey. ²²Zisiky ombia iha ro hiozongozo, ry anakam-pela tsy mana finoa? Fa namoro raha vaovao ho ahy ty tany Yaveh---le ampela mihodidy ty lahilahy matanjaky.²³Yaveh Tompoa ty lako, azy Ndranaharin'Israely, le mivola hozao: "Lafa manday ty olo rey mimpoly amy ty tanindrozy rey Zaho, le hivola anizay amy ty tany Joda noho ty tanan-beny ndrozy manao hozao: 'Hiaro anao lahy Yaveh,iha ry toera mahity ze ipetrahanany, iha ry vohitsy masy.' ²⁴Fa hiaraky hipetraky a Joda noho ty tanany iaby,manahaky ty mpamboly noho ty mpiaraky aondry noho ty aosy. ²⁵Fa hanome rano hinoma ty olo vozaky rey Zaho,sady hampino ze maty ty marandrano Zaho." ²⁶Tafara zay le nnifona Zaho,sady nahatsapa fa nahavelembelo ty torimasoko."²⁷Ingo, avy ty andro---zay ty voan'Yaveh---ze hamafazako ty longon'Israely noho Joda mbamy ty tariha ty olombelo noho ty biby ly. ²⁸Taloha tany le nanoriky maso androzy Zaho mba hanombota androzy noho hanimba androzy, mba hanandrava, hamoteha, sady hanasia raty androzy. Fa amy ty andro ho avy, le hiamby androzy rey Zaho,mba hananga androzy noho hamboly androzy ---zay ty volan'Yaveh. ²⁹Amy andro rey le tsy hisy ndra ia ndra ia hivola manao hozao sasy: "Nihina voaloboky madiro ty babany noho ty reniny, kanefa ty hi ty aja rey ro mangitsy."³⁰Fa ty olo kiraikiraiky iaby le ho maty ty hadisoany avao; ty olo iaby ze mihina voaloboky madiro, le hangitsy ty hiny."³¹Ingo, ho avy zay andro zay--- zay ty vola ty Yaveh---ze hanorenako fanenkea vaovao amy ty longon'Israely. ³²Tsy manahaky ty fanenkea ze naoriko tamy ty babandrozy rey tamy ty andro ze nitantanako androzy tamy tany Egypta tany. Rey ty andro ze nandravandrozy ty fanenkeako, ndra valy tamindrozy rey aza Zaho---zay ty volan'Yaveh."³³Fa zao ty fanenkea ze haoriko miaraky amy ty longon'Israely afara ty andro rey---zay ro volan'Yaveh: Hanenga ty liliko anaindrozy rey ao Zaho sady hanoratsy zay am-pon-drozy, fa

ho Ndranahariny Zaho, sady ho oloko ndrozy. ³⁴Le tsy hampianatsy ty mpiharo petraky aminy sasy ty lahilahy kiraikiraiky, na hampianatsy ty rahalahiny ty lahilahy raiky le hivola hozao: 'anovo hay Yaveh!' Fa ie iaby, manomboky baka amy ty kely mare amindrozy le zisiky amy ty bevata mare, le hahay Ahy---zay ty volan'Yaveh---fa hanenga ty fahadisoandrozy rey Zaho sady tsy hahatiaro ty fahadisoandrozy sasy. ³⁵Zao ty volan'Yaveh---Yaveh, ro mamposaky ty masoandro amy ty andro sady mandamy ty vola noho ty kintana hamiratsy amy ty haly. Ie ro mampihetsiky ty riaky mba hierona ty onjanizay. Yaveh Tompoa ty lako ty anarany. Zay ty volaniny: ³⁶"Laha manjavo imasoko eo ty raha rey---zay ty volan'Yaveh---le hiegnny mandrakizay tsy firenena miatsiky ahy eo ty tarihan'Israely." ³⁷Zao ty voan'Yaveh: "Laha azo metary ty lanitsy anabo mare, sady lafa hita ty fahambany ty tany, le hanary ty tarihan'Israely iaby noho ty ze raha iaby nanoviny rey Zaho---zay ty volan'yaveh." ³⁸"Ingo, ho avy ty andro---zay ty volan'Yaveh---ze hanamboara ndraiky ty tana ho Tiahy, manomboky amy ty tilikambo an'i Hananela le zisiky amy ty Vavahady Amy ty zorony. ³⁹Le hiboaky baka lavitsy any ndraiky ty tsipiky fametara, baka amy ty vohitsy galeba noho ty mihodidy an'i Goa. ⁴⁰Ty baibo ty faty rey noho ty laveno iaby, sady ty faritsy noho ty baibo iaby miboaky baka amy ty baibon'i Kidrona le zisiky lavitsy any amy ty zoro ty vavahadyn-tsoavaly an-tianana any, le hatoka hoahy Yaveh. Tsy hambota ty tana nda ho rava ndraiky, mandrakizay."

Chapter 32

¹Niavy tamy Jeremia ty safa baka amy Yaveh tamy ty tao faha folo nanjakan'i Zedekiah mpanjaka an'i Joda, ty faha folo valo amby tao nanjakan'i Nebokadnezara. ²Tamy zay fotoa zay, le nanao fahirano an'i Jerosalema ty miaramila ty mpanjakan'i Babylona, sady i Jeremia mpaminany le nogadra tamy ty kianja ty fiambena tao tantrano ty mpanjaka an'i Joda. ³Nogadra ty Zedekia mpanjaka an'i Joda ie le nivola hozao: "Nanino iha ro naminany noho nivola hozao: "Yaveh nivola hozao: Ingo, ndao ho hameako an-tana ty mpanjaka an'i Babylona ty tana toy, sady ho samboriny. ⁴Tsy hilay ty tana ty Kaldeana i Zedekia mpanjaka an'i Joda, sady azo itokia fa homea an-tana ty mpanjakan'i Babylona ie. Ty vavany le hivola amy ty vava ty mpanjaka, msony rey mahita ty maso ty mpanjaka. ⁵Hangalaky an'i Zedekia ho a Babylona any ie, sady hiegn'y agny ie zisiky hampiraharahako aminy--- Zay ty volan'veh. Ndra hialy hanohitsy Kaldeana rey aza nareo, le tsy handresy nareo." ⁶Hozao tiasan'i Jeremia: "Niavy tamiko ty safa Yaveh, mivola hozao: ' ⁷Ingo, Hanamela anakilahin'i Saloma rahalahy ty babanao magnato anao sady mivola hozao: "Vilio hoahy ty vatano ty baiboko Anantota any, fa mana zo hivily anizay iha." ⁸Sady araky ty volan'Yaveh, Hanamela, anakilahin'iny tontonko, nagnato ahy tamy ty kianja aty fiambena, araky ty nivolaniny tamiko manao hozao: " Vilio ty hany ze any Anatota amy ty tany Benjamina, fa ahinao ty zo handova anizay, sady ty zo hivily le iha. vilio hoahy ty vatano zay. ' Sady haiko fa safa Yaveh zay. ⁹Le novialiako ty baibo ta Anatota baka amy Hanamela, anakilahy ty renilahiko, nilanjako ho tiazy ty volafoty, folo fito amby vsekely ro lanjany. ¹⁰Le nanoratsy horonan-taratasy sady nanisy tompo zay zaho, sady nana vavolombelo nitsanga tamizay zaho. Sady nandanja ty volafoty tamy ty fandanja zaho. ¹¹Le nangalaky ty raharaham-barotsy nasia tampo zaho, manaaky ty lily noho ty lanany, miaraky amy ty raharaha tsy nasia tampo. ¹²Nanome ty horonan-taratasy nasia tampo amy ty Baroka anakilahin'i Neria anakilan'i Mahaseia talohan'i Hanamela zaho, anakilahin'i renilahiko, noho ty vavolombelo ze nanoratsy ty nasia tampo, sady taloha ty Jiosy ze nipetraky tan-kianja ty fiambena tao. ¹³Le nandidy an'i Baroka matrikiy androzy teo zaho. Hozao tiasako: " ¹⁴Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharry an'Israely ro mivola hozao: "Alao ty horonan- taratasy rey, ty rosia ty varotsy ze nasia tampo amy ty raharaham-barotsy, le engaho anay ty siny tany manga ze haharitsy fotoa ela. ¹⁵Fa Yaveh Tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, mivola hozao: Trano retia, baibo rey, ty tany ty voaloboky rey le mbo hovilia avao ndraiky amy ty tany toy eto. ¹⁶Tafara nanomezako an'i Baroka anakilahin'i Neria ty rosia ty varotsy, le nivavaky tamy Yaveh zaho le nivola hozao: ¹⁷"Loza, ry Tompo Yaveh! Ingo! Iha raiky avao ro namboatsy ty lanitsy noho ty tany tamy ty alala ty herinao bevata noho ty sandrinao nisandratsy. Tsy misy raha ze nivolaninao ka sarotsy taminao koa ty namboatsy azy. ¹⁸Nampitoto fanenkea mahatoky tamy ty anarivony Iha sady namaly ty fahadisao ty olo tamy ty anany tafaran-drozy. Iha ro Ndranahary bevata noho mahery; Yaveh Tompoa ty lako ro anaranao. ¹⁹Bevata amy ty fahendrea Iha sady mahery amy ty asa rey. Fa mivoha aminy ty lala ty olo iaby ty masonao, mba hanome ty ahinolo kiraikiraiky ze soa fanandesa vata noho ty asany. ²⁰Nanao famantara noho hatsereha lako tamy ty tany Egipta tao Iha. Amy fotoa henany zao amy Israely ao sady amy ty olombelo iaby, le nampalaza ty anaranao Iha. ²¹Fa handay an'Israely olonao hiboaky ty tany Egipta Iha miaraky amy ty famantara noho ty hatsereha, miaraky amy ty tana mahery, noho miaraky sandry mitsanga, sady miaraky amy ty fampitahora bevata. ²²Le nameanao androzy ty tany toy---ze nifananao tamy ty razany fa hamea androzy---le tany atsiky ronono noho tantely. ²³Le nilitsy ndrozy le nangalaky zay ho hanagna. Fa tsy nijanjy ty feonao ndrozy na niay tanay ty fangoriha ty lilinao. Tsy nanao ndra ino ndra ino amy ty ze nandidiana androzy ho hanovy ndrozy, lafa zay le nanday loza tamindrozy teo. ²⁴Ingo! Ty tovon-tany rey le tafiakatsy tamy tana eny hisambotsy anizay. Fe noho ty mesobe, mosary, sady ty arety mandripaky, le nasesy ho an-tana ty kaldeana ze mialy amy ty tana. Fa ze nivolaniana hisy le nisy zay, le ingo, manenty iha. ²⁵Le hozao tiasanao amiko: "Mivilia baibo hoahy ty vatanao amy ty volafoty sady mila vavolombelo hitsanga vavolombelo amizay, ndra handeha homea ho an-tana ty Kaldeana rey eo aza ty tana toy. ²⁶Niavy tamy Jeremia ty safa Yaveh, manao hozao: ²⁷"Ingo! Zaho ro Yaveh, Ndranahary ty olombelo iaby. Misy raha sarotsy tsy haiko anovy va? ²⁸Le hozao tiasa Yaveh: "Imgo, handeha handeha hanome ty tana toy ho an-tana ty Kaldeana noho Nebokadnezara rey, mpanjaka an'i Babylona Zaho. Handrava anizay ie. ²⁹Ty kaldeana ze mialy amy ty tana toy rey le ho avy sady hampirehitsy afao amy ty tana toy noho handoro anizay. Mbamy ty trano amy tafo rey eo ze ivavaha ty olo rey tamy Bala sady nandrarahany fanday hinoma hoahy ty Ndranahary hafa mba hankadalany Ahy. ³⁰Fa ty olon'Israely noho i Joda le olo le vatany nanao ty raty tamasoko teo baka amy ty fahatanorany. Fa nahameloky Ahy tamy alala ty fanao ty tanany vatany tyolon'Israely ---zay ty volan'Yaveh. ³¹Nivolanin'Yaveh fa ty tana toy baka amy ty andro nanamboarandrozy azy le manakiotsy ty heloly noho ty siaky. Le zay avao zisiky henany zao. Lafa zay le alako tsy ho aloha ty vatako zay noho ty haratia ty olon'Israely noho i Joda, Ty raha nanovindrozy manakiotsy Ahy--- ³²ndrozy, mpanjakany rey, olobe, mpisoro, mpaminany, noho ty olo iaby a Joda ao sady ty mpipetraky a Jerosalema. ³³Manome lambosy Ahy ndrozy fa tsy vatany, ndra

nampianatsy aza ndrozy tamy ty sitra-po aza zaho. Niezakany nampianatsy androzy rey zaho, fa tsy nisy ndra raiky tamindrozy aza mba hijan'ny mba handramby fananara.³⁴ Nanenga ty sampy mampangaro haro tan-tranonko tao ze nikaihandrozy tamy ty anarako, mba hantoto anizay.³⁵ Namboatsy toera anabo hoahy i Bala tamy ty tany malemy ahy Bena Hinoma ndrozy mba handoroa ty anakilahiny noh ty anakam-pelany hoahy Molesia. Tsy nandidy androzy rey Zaho. Tsy tan-dohako tao mihintsy hoe hanao raha mampangaro haro zay ndrozy sady le nampanota an'i Joda.³⁶ Le henanny zao, Zaho Yaveh, Ndranahary an'Israely, ro mivola mikasiky ty tana toy zao, tana azy volaninareo hhoza: ' Namea ho an-tana ty mpanjaka an'i Babylona zay tana zay amy ty alala ty mesobe, mosary sady arety mandripaky.³⁷ Ingo, hamory androzy rey amy ty kila tany iaby ze nandroahiko androzy zisiky tamy ty nahameloky ahy, siakiko, sady le heloky bevata Zaho. Handeha hampipoly androzy amy zay toera zay Zaho sady hahazandrozy miay am-piadiana.³⁸ Le ho oloko ndrozy, sady Zaho ho Ndranahary.³⁹ Hanome fo raiky noho lala raiky mba hanomeza voninahitsy Ahy saky sanandro hoahindrozy Zaho le ho soa hoahindrozy noho ty tarihany afara any zay.⁴⁰ Le hanao fanenkea mandrakizay miarakany amindrozy Zaho, ze tsy hampienena ty fananaovako soa androzy. Hametraky ty voninahitsy ze ty Ahy anindrozy Zaho, mba tsy hivaliky Amiko mandrakizay ndrozy.⁴¹ Le hifaly amy ty fanasoavako androzy rey Zaho. Hampipetraky androzy amy ty tany toy amy ty fahatokia Zaho amy ty foko iaby noho amy ty aiko iaby.⁴² Fa zao ty safa Yaveh: "Manahaky ty nanandesako ze loza iaby zao amy ty olo retia eo, le manahaky zay koa ty nanandesako ty raha soa iaby amindrozy ze nivolaniko fa hanoviko amindrozy.⁴³ Sady hisy baibo hovilia amy ty tany toy, ze nivolaninareo hhoza: "Tany simba toy, ze tsy misy ndra olo ndra biby. Fa nanome tan-tana ty Kaldeana reo toy." ⁴⁴ Hivily baibo amy ty volafoty ndrozy sady hanoratsy amy ty horonan-taratasy nasia tampo . Hamory vavolombelo amy ty tany Benjamina ndrozy, ty mihodidy an'i Jerosalema iaby noho ty tana ty Joda, amy ty tana rey amy ty tany anabo noho tany lemaky amy ty sisiny, sady an-tana i Negeva ao. Fa hampipioly ty hanagnany rey Zaho— Zay ty volan'Yaveh."

Chapter 33

¹Le niavy fanindroa tamy Jeremia ty safa Yaveh, laha mbo voahily tamy ty kianja ty mpiambby teo ie, manao hozao: ²"Yaveh ro azy mpamoro, mivola hozao Yaveh, ze mandamy mba hampipetraky--- Yaveh ro Anarany, ³Kaiho Zaho, le ho Valiako Iha. Hampitoroko raha mahatseriky ha, raha mivony ze mbo tsy takatsinao." ⁴Fa Yaveh, Ndranahary an'Israely, mivola zao mikasiky ty trano amy ty tana toy eto noho ty tranom-panjaka an'i Joda ze norava noho ty fiakara ty fahirano noho ty mesobe, ⁵Avy kaldiana rey hialy sady hanatsiky ty trano amy ty fatin'olo ze ho vonoako amy ty fanameloha noho ty siakiko, lafa mamony ty vatako amy ty tana toy Zaho noho ty faharatian-drozy iaby. ⁶Fe ingo, handay fitsaboa noho fanafodiny Zaho, fa hampijanga androzy Zaho sady handay lako, fiadana, sady fanenkea atokisa. ⁷Fa hampipoly ty hananga i Joda noho Israely Zaho; hanory androzy manahaky ty tany tany velhany Zaho. ⁸Le hanasa androzy amy ty fahadisoa iaby ze nanovindrozy tamiko Zaho. Hanenga ty fahadisoany iaby ze nanoviny tamiko Zaho, sady ty lala iaby ze nibokany hanohera ahy. ⁹Fa ty tana toy le hanjary raha mahafaly ahy, hira fanompoa noho ty voninahitsy hoahy ty firenena iaby amy ty tany toy eto ze hampitoro ty raha soa iaby ze hanoviko hoahinizay. Le havaka noho hangitikitiky ndrozy noho ty raha soa iaby noho ty fiadana ze hameako zay. ¹⁰"Zao ty volan' Yaveh, 'Amy ty toera toy eto azy volaninanao henanizao hozao: "Volano zay, toera ze tsy misy ndra olo ndra biby," amy ty tana i Joda rey, sady amy ty lala i Jerosalema rey eo ze haolo tsy misy olo ndra biby, le ho re ndraiky ¹¹ty feo ty fifalia noho ty feo ty firavoravao, ty feo ty mpampiakatsy noho ty feo ty ampiankary, ty feo ze mivola lafa manday fanday fisaora an-tranon'Yaveh," Misaora an'Yaveh Tompoa ty lako, fa soa Yaveh, sady fitiava tsy mety rava haharitsy mandrakizay!" Fa Zaho hampipoly ty hanagna azy tany iny manahaky ty taloha, 'hoasa Yaveh' ¹²Zao ty volan'Yaveh Tompoa ty lako manao hozao: "Amy ty toera haolo toy eto, henanizao tsy misy ndra olo ndra biby---le hisy akata ze afaky hampiegnena ty mpiaraky aondry noho aosy ndraiky amy ty kila tany iaby eo. ¹³Amy ty tana bevata rey eo amyty tany abo, ty tany mamokatsy rey sady ty Negeva, amy ty tany Benjamina noho amy ty mihodidy amy Jerosalema iaby, sady amy ty tana i Joda, ty aondry amy ty aosy rey le handalo ndraiky ambany ty tana ze hanisaky androzy rey, 'hoasa Yaveh. ¹⁴Ingo! Avy ty andro---zao ty volan'Yaveh---ze hananovako ty nampitamaniko tamy ty longon'Israely noho ty llongon'i Joda. ¹⁵Amy ty andro noho ty fotoa zay le hampitiry taho to hoahy Davida Zaho, sady hanatanteraky ty to noho ty fahamarina amy tany zay eo ie. ¹⁶Amy andro zay le vonjea i Joda, sady hiay ampilamina Jerosalema, fa zay ro hikaiha azy, "Yaveh ro fahamarinatsika." ¹⁷Fa zao ty volan'Yaveh: 'Ty olo baka amy ty tarihan'i Davida le tsy hijaly anakilahy ndra ombia ndra ombia hipetraha amy ty sieza fiadana ty longon'Israely, ¹⁸ndra olo baka amy Levita mpisoro le tsy ho ampy matriky ahy eo mba hampitsanga fanday oroa, handoro fanday ho hany, sady hanatanteraky fanday vary amy ty kila fotoa iaby.'" ¹⁹Niavy tamy Jeremia ty safa Yaveh, manao hozao: ²⁰"Zao ty nivolan'Yaveh: 'Laha mahavita manimba ty fanenkea atokisako andro noho ty haly iha le tsy hisy andro na haly sasy amy ty fotoa iombonandrozy, ²¹le mahavita mandrava ty fanenkea atokisako tamy ty Davida mpanompoko iha, le tsy hana anakilahy sasy hipetraky amy ty sieza fiandana sasy ie, sady ty fanenkeako itokisa tamy ty Levita mpisoro rey, mpanompoko. ²²Manahaky ty miaramila ty lanitsy tsy hay hisafy, ty fasy anila ty riaky, noho ty fasy anila ty riaky tsy hay metary, ro hampitomboako ty tarihan'i Davida mpanompoko sady ty Levita ze nanompo talohako teo. ²³Niavy tamy Jeremia ty safa Yaveh, manao hozao: ²⁴"Tsy noeritseretiana va ty raha nivolanin'ty olo io lafa mivola hoizao ndrozy: 'Azy mpilongo roe iny ze nitingin'Yaveh reo henanizao le tsy nenkendrozy rey?' Amizay ro tsy ampisiandrozy dikany ty oloko, volanindrozy fa tsy firenena imasony sasy ndrozy. ²⁵Zaho, Yaveh, ro mivola zao, 'Laha tsy nanoro ty fanenkea matoky amy ty andro noho amy ty haly Zaho, sady laha tsy manenga ty lily hoahy ty lanitsy noho ty tany, ²⁶le nanda ty tariha i Jakoba noho Davida mpanompoko Zaho, sady tsy nanday hoahy ty olo rey hanapaky heniky ty tarihan'i Abrahama, Isaka, sady i Jakoba. Fa hampipoly ty hanagnany sady hampiboaky famalozam-po amindrozy Zaho.'"

Chapter 34

¹Azy safa ze niavy tamy Jeremia baka amy Yaveh, lafa nila aly tamy Jerosalema noho ty tananany iaby i Nebokadneзара mpanjaka an'i Babylona noho ty miaramilany iaby, niaraky tamy ty fanjaka ty tany iaby rey, azy firenena ambany ty fahefany rey, noho ty olondrozy iaby, nanao hozao: ²"Yaveh, Ndranaharin'Israely, le mivola hozao: Mandina le miresaha amy Zedekia mpanjakan'i Joda sady voalano hozao aminy: Ingo, hanome ty tana toy ho an-tana ty mpanjaka an'i Babylona Zaho. Horoa zay."³ Tsy ho afaky an-tanany eo iha, safe ho voasambotsy vatany iha sady hasesy an-tanany eo. Hagnety ty maso ty mpanjaka i Babylona ty masonao; hiresaky mivanta aminao ie laha mandeha a Babylona iha."⁴Janjino ty safa Yaveh, ry Zedekia mpanjaka an'i Joda! Yaveh le mivola mikasiky anao: "Tsy ho maty amy ty mesobe iha."⁵Ho maty am-piadiana iha. Manahaky ty fandoroa tamy ty fandevena an'i razanao rey, mpanjaka talohanao rey, le horoandrozy ty vatanao. Hivola hozao ndrozy: "Loza, ry tompoko! " Hisaona anao ndrozy. Henanizao fa nivola Zaho---zay ro volan'Yaveh."⁶Le nivolan'i Jeremia mpaminany tamy Zedekia mpanjaka an'i Joda ta Jerosalema tany ty safa iaby rey. ⁷Nialy tamy Jerosalema noho ty tanana ilan'i Joda ty miaramila ty mpanjaka an'i Babylona: Lakisy noho Azeka. Ty tana i Joda rey le nipetraky ho tana mimanda."⁸Ty safa ze niavy tamy Jeremia avy baka amy Yaveh tafara ty nanaovan'i Zedekia mpanjaka fanenkea tamy ty olo iaby ta Jerosalema, mba hanambara ty fahafaha amindrozy ⁹fa ty olo kiraikiraiky le tsy maintsy manafaky ty andevony Hebreo rey, ndra lahilahy ndra ampela, mba tsy hisy hanandevo ty Jiosy, ze rahalahany."¹⁰Lafa zay ty mpitariky iaby noho ty olo le nilitsy tamy ty fanenkea fa ty olo kiraikiraiky iaby le samby hanafaky ty andevo ty lahilahy noho ty andevo ty ampela mba tsy ho andevozy sasy ndrozy. Nanenky ndrozy sady nanafaky androzy. ¹¹Fa taranitozy le niova ty saindrozy. Nampolindrozy ty andevo ze nafahandrozy. Noterendrozy hanjary andevo ndraiky ndrozy"¹²Le niavy tamy Jeremia ty safa Yaveh, nanao hozao: ¹³"Yaveh Ndranahary Israely, le mivola hoizao: 'Zaho le nanao fanenkea tamy ty razanareo tamy ty andro ze nanandesako androzy hiboaky baka may tany Egypta, hiboaky amy ty trano fanandevoz. Zay le tamy Zaho nivola hoizao: ¹⁴"Saky fara ty fito tao ty olo kiraikiraiky, le tsy maintsy mandefa ty rahalahiny, ty Hebreo ze namany mamarotsy ty vatany taminao noho ty nanompo anao naharitsy eny tao. Engaho handeha amy ty fahalalaha ie," Fa azy razanareo rey le tsy hijanjy Ahy ndra hampihorira sofya amiko."¹⁵Henany zao nareo nifona sady nanomboky nanao ty to tamasoko teo. Nivola fahafaha nareo, ty olo kiraikiraiky baka amy ty mpiharo petraky aminy, sady nanao fanenkea talohako teo amy ty trano ze nikaiha amy ty anarako nareo. ¹⁶Fa bakeo nareo nivaliky le nandoto ty anarako; nanovinareo ze hanampolia ty olo kiraikiraiky ty andevo lahilahy noho ty ampela, azy nampiananareo handeha amy ty niteandrozy rey. Noterenareo ho andevonareo ndraiky ndrozy."¹⁷Lafa zay Yaveh le nivola hoizao: Nareo ty vatatenareo le tsy nijanjy Ahy. Tokony nivola fahafaha tamy ty rahalahinareo noho ty Israelita namanareo rey nareo, ty kiraikiraiky baka aminareo. Le ingo! Hivola fahafahana aminareo Zaho---zay ty volan'Yaveh---fahafaha amy ty mesobe, ty arety mandripaky, noho ty mosary, safe hanjary raha mampangarohari ho ahinareo imaso ty fanjaka iaby an-tany toy eto Zaho."¹⁸Bakeo le hifadamy amy ty olo ze nandrava ty fanenkeako Zaho, ze tsy nidary ty feo ty fanenkea ze nengako talohako teo lafa nizara ty aomby lahy roe ndrozy sady nandeha tanivoniazay teo ¹⁹le bakeo ty mpitariky an'i Joda noho Jerosalama, ty tandapa noho ty mpisoro, sady ty kila olo iaby tamy tany zay tao le nandeha tanivo ty aomby lahy fa voarasa."²⁰Ho asesany an-tana ty fahavalony ndrozy noho ho an-tana ty ze magnafaky ty aindrozy. Ho sakafo hoahy ty voro amy ty lanitsy noho hoahy ty biby ly ty tany ty vatandrozy. ²¹Lafa zay le hasesy an-tana ty fahavalony rey ke mikinia ty aindrozy, noho an-tana ty miaramilam-panjaka an'i Babylona ze nitsanga hanaboka anareo i Zedekia mpanjaka an'i Joda noho mpitarikiny rey. ²²Ingo, handefa baiko Zaho--- zay ty volan'Yaveh---sady hampipoly androzy amy ty tana toy mba hila aly hanaboka anizay. Fa Zaho le hamaliky ty tana an'i Joda ho toera rava ze tsy hisy hipetraky."

Chapter 35

¹Niavy tamy jeremia ty safa Yaveh tamy ty andron'i Joiakima anakilahin'i Josia mpanjakan'i Joda, nanao hozao:

²"Mandina amy ty longon'i Rekabita sady mivolana amindrozy. bakeo andeso amy tranoko atoy ndrozy, amy ty raiky amy ty efitsy ao, sady ameo divay hinoma ndrozy."³Le nalako Jazania anakilahin'i Jeremia anakilahin'i Habazinia noho rahalahiny rey, ty anakilahiny iaby, sady ty longon'i Rebita rey. ⁴Nandesiko tamy ty tranon'Yaveh ndrozy, tamy ty efitsy ty anakilahin'i Hanana anankilahin'i Jigdalia, azy lahilahin-Dranahary iny. Efitsy rey le tanila ty efitsy mpitariky rey, ze anabo ty efits'i Mahaseia anakilahin'i Saloma, azy mpiamby vavahady iny.⁵Le nengako taloha ty rekabita siny rey noho ty kapoaky sady nivola tamindrozy manao hozao: "Minoma divay."⁶Fe hozao tiasandrozy: "Tsy hino divay zahay, safe ty razanay, i Jonadaba anakilahin'i Rekaba, ro nandidy anay manao hozao: "Ka mino divay mandrakizay, na nareo na ty tarihanareo. ⁷Ka manamboatsy trano, mamafy voa, ndra mamboly tanim-boaloboky avao koa; tsy hoahinareo zay. Fa nareo le tsy maintsy mipetraky anay ty lay zisiky amy ty andronareo iaby, mba hitoeranareo ela amy ty tany ze ipetrahanareo manahaky ty vahiny."⁸Fa nanoriky ty safa n'i Jonadaba anakilahin'i Rekaba, razanay zahay, tamy ze raha iaby nandidiany anay, mba tsy hino divay zisiky amy ty andro iananay iaby, zahay, valinay rey, ty anakilahinay rey, noho ty anak'ampelanay rey. ⁹Tsy hanahory trano hipetraha mihintsy zahay, sady tsy hisy tanim-boaloboky, baibofo, ndra voa ho fanagnanay. ¹⁰Fa niay tanay ty lay zahay sady fa nanoriky noho nanavita ze kila raha iaby nandidian'i Jonabada razanay. ¹¹Fe lafa nanafiky azy tany zay i Nebokadneza mpanjaka an'i Babylona, le hozao tiasanay: 'Avia, tsy maintsy ho a jerosalema tsika mba hilay ty miaramla Kaldeana noho Syriaana rey.' Le nipetraky ta jerosalema zahay."¹²Bakeo le niavy tamy Jeremia ty safan'Yaveh, manao hozao: ¹³"Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, le mivola hozao: 'Mandina le volano hozao amy ty lahilahin'i Joda noho ty mpipetraky a Jerosalema: "Tsy handramby ty fanintsia noho ty safako va nareo? ---zay ty volan'i Yaveh. ¹⁴Ty safa i Jonadaba rey anakilahin'i Rekaba ze namea ty anakilahiny ho lily, tsy hino divay, le hita zisiky amy andro zao. Nanoriky ty lily ty razany ndrozy. Fa laha ty amiko, vatatenanako le fa nanao fannambara saky sanandro taminareo, fe tsy nijanjy ahy nareo."¹⁵Naniraky ty mpanompoko iaby, mpaminany rey taminareo Zaho. Sarotiny Zaho tamy ty fandefasa androzy hivola hozao: 'Engaho ty olo kiraikiraiky hiala amy ty fomba ratiny le hanao ty asa soa; tokony tsy hisy hanoriky ndrahanary hafa sady hanompo androzy sasy. Fa mimpoolia amy ty tany ze nameako anareo noho ty razanareo iny any.' Ndra zay aza mbo tsy hijanjy ahy ndra hifantoky amiko nareo."¹⁶Fe ty tarihan'i Jonadaba anakilahin'i Rekaba rey le fa nidary ty lily ty razany ndrozy ze nameany androzy, fe nanda tsy hijanjy Ahy azy olony rey."¹⁷Le nivola anizao yaveh, Ndranahary Tompoa ty lako noho ty Ndranahar'Israely nanao hozao: "Ingo, andesiko amy Joda eo noho ty olo iaby miay a Jerosalema ty loza iaby nitanisako safe niresaky tamindrozy Zaho, fe tsy nijanjy ndrozy; nikaiky androzy Zaho, fe tsy namaly ndrozy."¹⁸Hozao tiasa i Jeremia tamy ty tarihan'i Rekabita: "Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary an'Israely, le mivola hozao: Hijanjy ty lilyn'i jonadaba razanareo nareo sady hidary androzy iaby---nanoriky ty ze kila raha anandidiany ho hanovinareo nareo---"¹⁹le Yaveh tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, le mivola hozao: "Tsy maintsy hisy olo avy baka amy ty tariha i Jonadaba anakilahin'i Rekaba hanompo Ahy saky sanandro.""

Chapter 36

¹Le tamy tao faha efatsy nanjakan'i Joiakima anakilahin'i Josia mpanjaka an'i Joda, ro niavia ty safa zao tamy Jeremia, le hozao tiasany: ²"Mangala horonan-taratasy raiky ho ahinao le sorato amizay ao ty safa iaby ze fa nivolaniko anao mikasiky an'Israely noho i Joda, sady ty firenena iaby. Anovo zay hoahy ty kila raha iaby fa nivolaniko nanomboky tamy ty andron'i Josia le zisiky amy tyandro toy. ³Vasa hijanjy ty loza iaby ze teako handesy amindrozy ty mpipetraky a Joda. Vasa hibio amy ty lalan-dratiny iaby avao ty olo, le afaky hanenga ty fahadisoany noho ty fahotandrozy Zaho." ⁴Le nikainy an'i baroka anakilahin'i Neria i Jeremia, le nosoratan'i Baroka tanay ty horonan-taratasy ty safa iaby ze nivolanin'Yaveh tamy Jeremia. ⁵Bakeo le nanome baikoa'n'i Baroka i Jeremia. Hoasany: "Am-pigadra ato zago sady tsy afaky an-tranon-Dranahary. ⁶Le tsy maintsy mandeha iha le hamaky ty safa ze nivolaniko le nosoratanao tanay ty horonan-taratasy. Amy ty andro ty fafalian-kany, le tsy maintsy vakiana an-tsofy ty olo eo an-trano ty safa yaveh, sady an-tsofin'i Joda iaby ze baka amy ty tanany avao koa. Volano androzy azy safa rey. ⁷Vasa ho avy anatrehan'Yaveh eo avao ty fangatahandrozy famalozam-po. Vasa hiala amy ty lala ratiny avao koa ty olo kiraikiraiky, safe mare ty heloky noho ty siaky ze fa nivolanin'Yaveh tamy olony rey." ⁸Le nanovin'i Baroka anakilahin'i Neria ze raha iaby nandidian'i Jeremia mpaminany hanovy. Novakia mare tamy tranon'Yaveh safa Yaveh rey. ⁹Amy ty faha sivy ty vola tao fahalimy nanjakan'i Jiakima anakilahin'i Josia, mpanjakan'i Joda, ro nanambara ty olo iaby ta Jerosalema tao noho ze niavy ta Jerosalema baka amy ty tana i Joda ty fifalian-kany ho vonianahitsy Yaveh. ¹⁰Novakian'i Baroka mare tan-tranon'Yaveh tao ty safa i Jeremia, baka amy ty efitsy ty tranon'i Gemaria anakilahin'i Safana mpanoratsy lala, tanabo ty kianja tao, anila ty avahady filira amy tranon'Yaveh. Nanoviny tan-tsofy ty olo iaby zay. ¹¹Le niren'i mikaia anakilahin'i Gemaria anakilahin'i Safana ty safan'Yaveh iaby tamy ty horonan-taratasy. ¹²Nijotso tan-trano ty mpanjaka ie, tamy ty efitsy ty mpitanjaky soratsy. Indo, fa nipetraky tao iaby ty manam-boninahitsy iaby: Elisama mpitanjaky soratsy, Delaia anakilahin'i Semania, Elnatana anakilahin'i Akbora, Geramia anakilahin'i Safana, noho Zedekia anakilahin'i Hanania, noho ty manam-bonahitsy iaby. ¹³Le nivolanin'i Mikaia tamindrozy ty safa iaby ze reny ze novakian'i Baroka mare tan-tsofy ty olo. ¹⁴Le nampandina ty manam-boninahitsy iaby ho amy Barka any i Jehody anakilahin'i Netanaina anakilahin'i Selemia anakilahin'i Kosa. Hozao iasan'i Jedody tamin'i Baroka: "Rambeso ho an-tananao eo ty horonan-taratasy, le azy horonan-taratasy ze novakiana an-tsofy ty olo, le avia." Le i Baroka anakilahin'i Neria nandramby ty horonan-taratasy tan-tanany teny le nandeha tamy ty manam-boninahitsy. ¹⁵Le hozao tiasan-drozy taminy: "Mitoboha le vakio an-tsofinay eto koa toy." Le novakian'i Baroka ty horonan-taratasy. ¹⁶Lafa nahare ty safa iaby rey ndrozy, le nifagnenty navaka tamy ze tanila ty olo kiraikiraiky teo le nanao hozao tamy Baroka: "Tsy maintsy tanteritsika amy Mpanjaka vatany ty safa iaby rey." ¹⁷Bakeo le nanontaniandrozy hozao Baroka: " Volano anay, tamy fomba manao akory ro nandikanao safa ze nivolanin'i Jeremia iaby rey?" ¹⁸Baroka nanao tamindrozy hozao: "Nivolany tamiko iaby safa rey, le nosoratako tamy ty rano mainty tamy ty horonan-taratasy teo." ¹⁹Le hoasa ty manam-boninahitsy tamy Baroka: "Mandina, mivonia iha, noho i Jeremia koa. Tokony tsy hisy olo hahay ty misy anareo." ²⁰Le nengandrozy tamy ty efitsy Eliasama mpitanjaky an-tsoratsy ty horonan-taratasy, le nandeha tamy mpanjaka tamy kianja teo ndrozy, le nivolanindrozy tan-tsofy ty mpanjaka ty kila raha iaby. ²¹Le nirahan'ny mpanjaka ahangalaky ty horonan-taratasy i Jehody. Nalain'i Jehody tamy efits'i Eliasama mpitanjaky soratsy zay. bakeo le novakiany tan-tsofiny tan-tsofy mpanjaka noho ty manam-boninahitsy iaby ze nitsanga tanilany teo zay. ²²Nipetraky tamy ty trano manintsy ty mpanjaka tamy ty faha sivy ty vola, le nisy afo fatapera nirehitsy talohany teo. ²³Lafa namaky fivalona telo noho efatsy i jehody, le nitapahan'ny mpanjaka tamy meso zay le natorany anay ty afo tamy ty fatapera zisiky maha levo ty horonan-taratasy iaby. ²⁴Fe tsy nampampavaka ty mpanjaka noho ty mpanompony ze nahare ty safa iaby rey , ndra nanataky ty sikiny ndrozy ²⁵nandrara ty mpanjaka mba tsy handoro ty horonan-taratasy i Elnatana, Delaia, noho i Gemaria, fe tsy nijanjy androzy rey ie. ²⁶Le nandidy an'i Jeremela longony i mpanjaka, Seraia anakilahin'i Azriela, noho Selemia anakilahin'i Abdela mba hisambotsy an'i Baroka mpanoratsy lala, noho Jeremia mpaminany, fe navon'Yaveh ndrozy. ²⁷Le niavy tamy Jeremia ty safan'Yaveh tafara nandoroa ty mpanjaka ty horonan-taratasy noho ty safa ze nnivolanin'i Baroka tamy ty fanonon'i Jeremia, nanao hozao: ²⁸"Mimpolia, mangala horonan-taratasy raiky hafa ho ahinao, le sorato amizay ao ty safa iaby ze tamy ty horonan-taratasy tamy azy velohany iny, le azy fa noroan'i Joiakima mpanjakan'i Joda. ²⁹Le tsy maintsy volaninao amy i Joiakima mpanjaka an'i Joda zao: "Noroanao ty taratasy toy, ze mivola hozao: "Nanino iha ro nanoratsy tamizay eo, 'Hoavy vatany ty mpanjaka an'i Babylona le handrava ty tana toy, fa ho rava ty olo noho ty biby amizay ao?" ³⁰Lafa zay le zao ty volan'Yaveh amy ty momba anao, ry Joiakima mpanjaka an'i Joda: "Tsy hisy sasy amy ty tarihanao hipetraky amy ty seza fiadana i Davida. Laha ty aminao, ty fatinao le haria amy ty taninandro noho amy ty nintsy ty haly. ³¹Fa ho saziako iha, ty tarihanao noho ty mpanomponao noho ty hadisoanareo iaby. Handesiko aminao eo, amy ty mpipetraky a Jerosalema iaby

eo, sady amy ty olon'i Joda iaby eo ty loza iaby ze fa nandrarako anareo, fe tsy nidarianareo mihintsy."³²Le nangalaky horonan-taratasy hafa i Jeremia le nameany an'i Baroka anakilahin'i Neria mpanoratsy lala zay. nosoratan'i Baroka tamy zay ty safa iaby ze tamy horonan-taratasy noroan'i Joiakima mpanjakan'i Joda tamy ty fanontania i Jeremia. Sady le mbo nampia safa lako mifanahatahaky tamy ty horonan-taratasy toy.

Chapter 37

¹Le i Zedekia anakilahin'i Josia le nanjaka tamy toera i Jekonia anak'i Joiakima. Nebokadnezzara mpanjakan'i Babylona ro nanao an'i Zedekia ho mpanjaka tamy ty tany Joda teo. ²Fa i Zedekia, mpanompony rey, noho ty olo ty tany le tsy nijanjy ty safa Yaveh ze nivolaniny tamy alala ty tana i Jeremia mpaminany. ³Le i Zedekia mpanjaka, Jehokala anaky Selemia, say Zefania anak'i Mahaseia mpisoro le nandefa hafatsy hoahy Jeremia mpaminany. Hozao tiasandrozy: "Mivavaha amy Yaveh Ndranaharitsika hoahintsika." ⁴Sady niavy Jeremia le nadeha tamy olo, safe mbo tsy nannivy tampigadra ie. ⁵Niavy baka Egypta ty miaramilan'i Farao, le ty Keldeana ze nanao arikatoky an'i Jerosalema le nahare ty vaovao mikasiky androzy le niala ta Jerosalema tao. ⁶Le niavy tamy Jeremia mpaminany ty safan'Yaveh manao hozao: ⁷"Yaveh, Ndranaharin'Israely, mivola hozao: Zao ty ho volaninareo amy ty mpanjakan'i Joda, safe nandefa anareo hangalaky hevitsy Amiko Ie, 'Ingo, fa efa an-dala himpoly ho a Egypta, ze tany ty miaramilan'i Farao, ze niavy hanmpy anao. ⁸Le himpoly ty Kaldeana. Hialy hanohitsy ty tana toy ndrozy, hisambotsy noho handoro anizay." ⁹Hozao tiasa Yaveh: "Ka mamerivery ty vatanareo amy ty fivolana manao hozao: 'Fa nanenga anay vatany Kaldeana rey, fa tsy nanenga ndrozy. ¹⁰Ndra fa naharesy ty miaramila ahy Kaldeana iaby ze nialy taminareo aza nareo mba ho lahilahiny maratsy avao ro henga amy ty lainy rey, fa hiary ndrozy le handoro ty tana toy." ¹¹Tamy ty nanenga ty miaramila ty kaldeana an'i Jerosalema ro niavia ty miaramilan'i Farao, ¹²le niboaky ta Jerosalema tao i Jeremia mba ho amy ty tany tiahy Benjamina. Fa nikinia hangalaky ty ilany amy iazy tany zay tamy ty olony tao ie. ¹³Laha tamy vavahady tiahy Bebjamina ie, le teo ty be ty mpiamby. Jiria anak'i Selemia anak'i Hanania ty anarany. Nitanjaky an'i Jeremia mpaminany ie le nanao hozao: "Milaisa Kaldeana rey iha." ¹⁴Fe hoasa i Jeremia: "Tsy to zay. Tsy hilay Kaldeana rey zaho." Fa tsy nijanjy azy i Jiria. Nalainy i Jeremia le nandesiny tamy manam-bonahitsy rey teo. ¹⁵Nimeloky tamy Jeremia manam-boninahitsy rey. Novangoandrozy ie le nampilira tam-pigadra, azy tranon'i Jonatana mpanoratsy lala, safe navalikindrozy ho trano figadra zay. ¹⁶Le natao tamy efitsy ambany tany tao i Jeremia, ze nieneneny lakolako andro. ¹⁷Le nandefa olo handay azy an-dapa ao i Zedekia mpanjaka. Nanontania ty mpanjaka mangingiky tan tranonony tao manao hozao: "Misy safa baka amy Yaveh va?" Namaly hozao Jeremia: "Misy safa: ho asesy an-tana ty mpanjaka ty Babylona iha." ¹⁸Le hoasa i Jeremia tamy Zedekia mpanjaka: "Nanao akory ro nanotako taminao, mpanomponao rey, ndra ty olo toy le nanenganao ahy an-trano maiky atoy?" ¹⁹Aia ty mpaminaninareo, azy naminany hoahianao noho nivola fa tsy ho avy hanohitsy anao na ty tany toy ty mpanjaka ahin'i Babylona? ²⁰Fa henanizao mijanjina, ry mpanjaka tompoko! Engaho ho avy anatrehanao ty fangatahako. Ka enga himpoly an-tranon'i jonantana mpanoratsy lala zaho, fa ho maty any zaho." ²¹Le manome baiko i Zedekia mpanjaka. nitanjaha ty mpanompony tamy kianja teo i Jeremia. Nomea mofo saky sanadro baka amy ty lala ty mpanao mofo rey ie, zisiky hilaniany ty mofo iaby tan-tana teo. Le nipetraky tan-kianja ty mpiamby teo i Jeremia.

Chapter 38

¹Nahare ty safa ze nivolanin'i Jeremia tamy ty olo iaby i Safatia anak'i Matana, noho Gedalia anak'i Pasora, noho Jokala anak'i Semelia, le i Pasora anak'i Mlkia. Ie le nivola hozao: ²"Yaveh nivola hozao: Ze mipetraky amy ty tany toy iaby le ho maty ty mesobe, mosary, noho arety mandripaky. Fa ze mandeha amy Kaldeana iaby rey le ho velo. Hanavotsy ty ainy ie, le ho velo. ³Zao ty volan'Yaveh: Ty tana toy le hasesy an-tana ty miaramila ty mpanjaka tiahy babylona, sady hisambotsy zay ie." ⁴Le hoasa ty manam-boninahitsy rey tamy mpanjaka: "Engaho ho maty lahilahy toy, fa tamy fomba zay ro nanamorany ty tana ty lahilahy mpialy rey nenga tamy tany ty tana toy ato, sady tytana ty olo iaby. Mivola safa retia ie, fa tsy niasa hiaro ty olony lahilahy toy, fa hoahy ty loza." ⁵Le hoasa i Zedekia mpanjaka: "Ingo, an-tananao eo ie safe tsy misy mpanjaka afaky manohitsy anao." ⁶Le nalandrozy i Jeremia le natoraky tamy ty famorian-drano ahin'i Malkia, anakilahin'i Mpanjaka. Tamy ty kianja ty mpiamby azy famorian-drano iny tao. Nampidinandrozy tamy ty taly i Jeremia. Tsy nisy rano tamy ty famorian-drano tao, fa atsiky votaky zay le nilentiky tamy ty fotaky ie." ⁷Le Ebada-Meleka Kosita le raiky tamy ty tandapa tan-tranon'i Mpanjaka. Reny fa nanovindrozy tanay ty famorian-drano i Jeremia. Sady nipetraky tamy vavahady ahin'i Bebjamina teo ty mpanjaka. ⁸Le nandeha abaka amy ty mpanjaka i Ebada-Meleka le nivola taminy. Hoasany: ⁹"Ry mpanjaka tompoko, lahilahy retia le fa nanao ty raty tamy ty fomba nanandesan'i Jeremia mpaminany. natorandrozy tanay ty famorian-drano ao, safe tsy misy hany sasy amy tanana ao." ¹⁰Le nanome baiko ahin'i Meleka Etiopiana ty mpanjaka. Hoasany: "Manandesa lahilahy telopolo baketo le aboaho baka amy ty famorian-drano i Jeremia aloha ty hamonoa azy." ¹¹Le nanday ty lahilahy rey ndrozy le nandeha amy ty tranon'i mpanjaka, tamy ty trano fanajaria siky tambany ty trano ao. Tao ie ro nangalaky lamba driatsy noho sisky fa tsy ila sady nampijotso androzy tamy ty taly nandeha amy Jeremia tamy famorian-drano tao. ¹²Hoasa i Ebada-Meleka Kosita tamy Jeremia: "Anovo ambany ty sandrianao noho amy ty lohanao ty taly ty lamba tataky noho ty lamba tsy ila sasy." Le nanovin'i Jeremia zay. ¹³Le nitarihan-drozy tamy taly i Jeremia. Zay ty fomba namonoandrozy azy tamy famorian-drano tao. Le niegny tamy ty tokotany ty mpiamby i Jeremia. ¹⁴Nandefa safa i Zedekia mpanjaka le nanday an'i Jeremia mpaminany nandeha taminy tany, ho amy ty filira fahatelo amy ty tranon'Yaveh ao. Hoasa ty mpanjaka tamy Jeremia: "T hanontany raha anao zaho. Ka aetaky ahy ty valiny." ¹⁵Hoasa i Jeremia tamy Zedekia: "Laha mamaly valiako iha, le vatany tsy hamono ahy vatany va iha? Fe laha manome torohevitsy anao zaho, le tsy hijanjy ahy iha." ¹⁶Fe nifanta manoka tamy Jeremia ty mpanjaka le nivola hozao: "Laha mbo velo avao koa Yaveh, azy namboatsy antsika, le tsy hamono anao zaho na hanesy anao an-tana ty lahilahy ze mikinia ty ainao rey." ¹⁷Le hoasa i Jeremia tamy Zedekia: "Yaveh, Ndranahary tompoa ty lako, Ndranahary Israely nivola hoizao: "laha miala amy ty manam-boninahitsy an'i Babylona iha le ho velo, sady tsy ho maty ty tana toy. Ho velo iha noho ty valy aminanakinao. ¹⁸Fa laha tsy miala amy ty manam-boninahitsy ahy Babylona iha, le ho asesany an-tana ty Kaldeana rey eo ty tana toy. Horoandrozy rey zay, sady tsy ho afaky hilay an-tanan-drozy eo iha." ¹⁹Hoasa i Zedekia mpanjaka tamy Jeremia: "Kanefa mavaka ty olon'i Joda ze nilay mbamy Keldeana rey eo zaho, safe mety hasesy an-tanandrozy rey eo zaho mba ho ndromodromotindrozy." ²⁰Hoasa i Jeremia: "Ndrozy rey le tsy hanesy anao amindrozy eo. Oriho ty safan'Yaveh ze volaniko aminao, mba handeha soa iaby ty kila raha ho ahinao. ²¹Fa laha manda hiala iha, le zao ty raha fa natoron'Yaveh tamiko. ²²Ingo! Ty ampela iaby ze nenga nenga tan-tranonao, ry mpanjaka ahin'i Joda, le handesy hiala amy ty manam-boninahitsy ty mpanjaka ahin'i Babylona. Hivola aminao manao hoizao ampela rey; fa nanimba nao ndrozy. Henany zao le nilentiky anay ty fotaky ty tombonao, sady namanao rey le hilay." ²³Fa handesy hiala amy Keldeana eo ty valy noho ty anakinao iaby, sady ty vatanao le tsy ho afaky hilay an-tana-drozy. Ho voasambotsy ty tana ty mpanjakan'i Babylona iha sady ty tana toy le ho may." ²⁴Le hoasa i Zedekia tamy Jeremia: "Ka ampahaiza ndra ia ndra ia ty mikasika safa rey, mba tsy ho maty iha." ²⁵Laha re ty manam-boninahitsy fa niresaky tainao zaho, sady laha avy ndrozy le mivola aminao manao hozao: 'Volano aminay ze nivoaninao tamy ty mpanjaka, sady ka aetaky anay zay, fa laha tsy zay le ho vonoa iha,' ²⁶le tsy maintsy hivola androzy manao hozao iha: 'Nanao fangataha niatriky ty mpanjaka zaho mba tsy hampipoliany ahy an-tranon'i Jonatana any le ho maty any.'" ²⁷Le niavy tamy Jeremia eo ty manam-boaninahitsy iaby le nagnato azy, le namaly androzy araky ty ze nivolanin'i mpanjaka azy ie. Le niegny niresaky tamindrozy, safe tsy nahare resaky Jeremia noho ty mpanjaka. ²⁸Lafa zay le niegny tan-kianja ty mpiamby i Jeremia zisiky niavia ty andro nisambora an'i Jerosalema.

Chapter 39

¹Tamy ty faha sivy ty tao volana fafafolo nanjakan'i Zedekia mpanjaka an'i Joda, le niavy niaraky tamy ty miaramilany iaby i Nebokadnezzara mpanjakan'i Babylona hanohitsy an'i Jerosalema le hanao arikatoky azy.

²Tamy ty tao faha folo raiky amby noho ty vola faha efatsy nanjakan'i Zedekia, tamy ty andro faha sivy ty vola faha efatsy nanjakan'i Zedekia, tamy ty andro faha sivy ty vola le voatafiky ty tana. ³Le niavy le nipetrekany tanivo ty vavahady ty manam-boninahitsy mpanjaka ty Babylona iaby: Nergala-Serezero, Samgarnebo, le Sarsekima, manam-boninahitsy raiky bevata. I Nergala-Serezero le manam-boninahitsy anabo le ilany sisa rey le manam-boninahitsy ty mpanjaka ahin'i Babylona. ⁴Sady lafa nahita androzy i Zedekia, mpanjakan'i Joda, noho ty lahilahy mpialy iaby, le nilay. Niboaky ty tana baka amy ty lalan-kely ty zaridaina ndrozy lafa haly, tanelanela ty vavahady misy manda rey teo. Niboaky nagnoriky mba Araba aby ty mpanjaka. ⁵Fe nagnia androzy ty miaramila Kaldeana sady le zisiky amy Zedekia tamy lemaky teo ty baibo ty renirano ahin'i Jordana tanila i Jeriko teo, Le nosamborindrozy rey ie le nandesy niakatsy tamy Nebokadnezzara tany, mpanjaka ahin'i Babylona, ta Ribla tamy ty tany Hamata, z nanomeza i Nebokadnezzara sazy azy. ⁶Novonoa ty mpanjaka i Babylona ta Ribla tamasony teo mihintsy ty anakilahin'i Zedekia. Novonoany avao koa ty olo anabo ty Joda iab. ⁷Le napotany ty mason'i Zedekia sady nifeheny gadra saba mba handay azy a Babylona any. ⁸Le noroa ty Kaldeana ty trano tiahy mpanjaka noho ty trano ty olo. Naravondrozy avao koa ty manda i Jerosalema. ⁹Nebozaradana, mpifehy ty mpiamby manoka ty mpanjaka, nanao an-tsositany ty ol sisa ze nenga tan-tana teo. Anain'izay ty olo ze afaky nilay ta Keldiana noho ty olo sisa ze tafenga tan-tana tao. ¹⁰Fa nenga i Nedoazaradana mpifehy ty mpiamby manpoka ty mpanjaka hiegnany amy ty tany ahin'i Joda avao koa olo mijalyu rey mihintsy tsy nana ndra ino ndra ino hoahindrozy. nameany tanim-boaloboky noho ty baiboho tamy ty andro io avao ndrozy. ¹¹Nanome baiko mikasiky an'i Jeremia tamy i Nebozaradana mpifehy ty mpiamby manoka ty mpanjaka i Nebokadnezzara mpanjaka an'i Babylona. Hozao tiasany: ¹²"Andezo ie le karakarao. Ka manisy raty azy. Anovo aminy ze kila raha volaniny aminao." ¹³Le nandefa olo i Nebozaradana mpifehy ty mpiamby manoka ty mpanjaka rey, Nebosazbana ionoka anbonany, Negarala-Serezero manam-boninahitsy anabo, sady ty manam-boninahitsy ty mpanjaka ty Babylona anabo mare.

¹⁴Nandesy ty lahilahy rey niala abaka amy ty tokotany ty mpiamby i Jeremia sady nankinindrozy tamy Gedalia anak'i Ahikama anak'i Safana, mba handay azy holy, le nipetraky tamy ty olo teo i Jeremia. ¹⁵Le niavy tamy Jeremia ty safa Yveh tamy ty nanambora azy tantokotany ty mpiamby, nanao hozao: ¹⁶"Mivola am'i Ebedan-Meleka Kosita sady anovo hozao: 'Zao ty volan'Yaveh tompoa ty lako, Ndranahary ahin'Israely: Ingo, fa nahatanteraky ty safako hanohitsy ty tana toy ho amy ty loza fa tsy hoamy ty soa zaho. Fa ho tanteraky alohanareo eo iaby amy zay andro zay. ¹⁷Fa hamonjy anao Zaho amy zy andro zay--- zay ty volan'Yaveh--sady tsy hasesy an-tana ty olo ze avakanao iha. ¹⁸Fa le vatany hanavotsy anao Zaho. Tsy ho maty mesobe iha. hanavotsy ty ainao iha, safe mitama Ahy--- zay ty volan'Yaveh.'"

Chapter 40

¹Niavy tamy Jeremia ty safa baka amy Yaveh tafara ty nanafahan'i Nebozaradana azy mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka ta Rama tany. nahita an'i Jeremia nifehy seny tamy ty gadra ty Jerosalema iaby noho ty Joda ze nandesy nanao sesitany ta Babylona. ²Ty be ty mpiamby nangalaky an'i Jeremia sady nanao hozao taminy: "Nandidy zao loza zao hoahy ty toera toy Yaveh Ndranaharinao. ³Le nanatanteraky zay Yaveh. Nanao araky ze nivolaniny le, safe nareo olo le nanota taminy sady tsy nanoriky ty feony. Zay ty antony ty nahavy raha zao aminareo ry olo. ⁴Fa ingo henanizao, manafaky ty seny ze an-tananao eny zaho henanizao. Laha teanao ty hanoriky ahy ho a Babylona any, le ndao, sady hikarakara anao zaho. Fa laha tsy ahoanao ino ty fanoriha ahy ho a Babylona any, le katao zay. Hentao ty tany iaby marikitsy anao. Le mandina amy ze soa ze mety imasonao eo." ⁵Lafa tsy namaly i Jeremia, le hoasa i Nebozaradana manao nhozao: "Mandina amy Gedalia anakilahin'i Ahikama anakilahin'i Safana, ze nampiembenany ty mpanjaka i Babylona ty tana i Joda. Miaraha mipetraky aminy eo amy ty haboaky rey na mandina amy ze teanao andina." Nanome hany noho fanomezana hoahy ty mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka, sady lafa avy eo le nampandeha azy. ⁶Le nandeha tamy Gedalia anakilahin'i Ahikama, ta Mizpa i Jeremia. niara nipetraky taminy tamy ty olo teo ze sisa velo tamy tany zay tagny ie. ⁷Laha mbo tambany vohitsy tany ty miaramilan'i Jodeana—ndrozy noho ty olony rey— le nahare fa efa nanao an'i Gedalia anakilahin'i ahikama, ho governora ty tany ty mpanjaka an'i Babylona. Rendrozy avao koa fa efa nampiambena androzy lehilahy rey, ampela rey, noho ty aja olo mijaly mare rey tamy iazy tany iny eo, azy tsy natao sesitany ta Babylona rey. ⁸Le nandeha tamy Gedalia ta Mizpa tany ndrozy. Lehilahy rey le Isamael anakilahin'i Netania; Johanana noho Jonatana, anakilahin'i Kareia; Seraia anakilahin'i Tanometa; anakilahin'i Efay Neofatita; sady i Janania anakilahin'iazay Makatita iny- ndrozy noho ty olony. ⁹Gedalia anakilahin'i Ahikama anakilahin'i Safana le nifanta tamindrozy noho ty olony sady nanao tamindrozy manao hozao: "Ka mavaka hanompo ty manam-boninahitsy ty Kaldeana. mipetraka amy tany zay eo le tompo ty mpanjaka tiahy Babylona, sady hahita soa nareo. ¹⁰Ingo, hipetraky a Mizpa any zaho mba hihaona amy ty Kaldean ze niavy tamitsika teto. Le mamokara divay, vokatsy fahavaratsy, noho ty soliky sady hajarao amy ty fanajarianareo rey. Mipetraka amy ty tana ze nisy anareo nareo." ¹¹Sady ty Jiodeana iaby ta Moaba, tany ty olo Amona rey teo, noho ta Edoma, sady tany ty kila tany iaby le nahare fa nanenga an'i Joda sisa tavela hiegn'ny ty mpanjaka tiahy Babylona, ze nitinginany an'i Gedalia anakilahin'i Ahikama anakilahin'i Safana tamindrozy teo. ¹²Le nimpoly baka amy ty toera ze nanaparitaha androzy iaby ty Jodeana iaby, ho an'i Gedalia ta Mizpa tany. Namokatsy divay noho vakatsy fahavaratsy le vatany lako ndrozy. ¹³Johanana anakilahin'i Kareia noho ty mpifehy ty miaramila iaby tam-baibo tany niavy tamy i Gedalia ta Mizpa tany. ¹⁴Hozao tiasandrozy taminy: "vasa hainao va fa i Balisa mpanjaka ty olon'i Amona ro nandefa an'Ismaela anakilahin'i Netania mba hamono anao?" kanefa i Gedalia anakilahin'i Ahikama tsy nino androzy. ¹⁵Le nivola moramora tamy i gedalia i Johanana anakilahin'i Kareia sady nanao hozao taminy: "Manenga ahy handeha hamono an'Ismaela anakilahin'i Netania. Ts hisy hiahiahy ahy. Nanino va ie ro hamono anao? nanino ro nenga hiparitaky ty Joda iaby ze fa nivory taminao teo sady ty sisa tavela tamy ty Joda tao iaby ho rava?" ¹⁶Fa i Gedalia anakilahin'i Ahikama nivola tamy johanana anakilahin'i Kareia manao hozao: "Ka manao ze raha zay fa manasara vandy mikasiky an'i Ismaela iha."

Chapter 41

¹Sady tamy fahafito ty vola le niavy tamy Gedalia anak'i Ahikama, ta Mizpa Isimaela anak'i Netania anak'i Elisama, baka amy ty longo ty mpanjaka, noho ty ilany tamy ty manam-boninahitsy ty mpanjaka—olo folo ro niaraky aminy. Niaraky nihina hany ta Mizpa ndrozy. ²Fa Isimaela anak'i Netania, sady ty olo folo niaraky taminy rey le nitsanga le nanafiky an'i Gedalia anak'i Ahikama anak'i Safana, tamy ty mesobe. Novonoan'i Isimaela i Gedalia, ze nenga ty mpanjaka i Babylona hiamby ty tany. ³Le novoaan'Isimaela ty Jiosy iaby ze niaraky tamy Gedalia ta Mizpa tany noho ty Kaldeana mpialy hita tao. ⁴Le niavy ty faharoa ty andro tafara namoanoa an'i Gedalia, fe tsy nisy nahay. ⁵Ty ilany tamy olo rey le avy baka a Sekema any, baka a Silo, sady avy baka Samaria—olo valopolo ze nagnaratsy ty vaokany, nanataky ty sikkiny, sady nandily ty vatany—niaraky tamy ty fanday ho hany noho ty emboky manintsy tan-tandrozy mba handinanao amy ty tranon'Yaveh ao. ⁶Le niala ta Mizpa ao Isimaela anak'i Natania mba hitsena androzy tam-pandehana, sady nitany. Sady lafa nifanojo tamindrozy igny ie, le hozao tiasany tamindrozy: "Mandina amy Gedalia anak'i Ahikama any! " ⁷Sady lafa avy amy ty tana ndrozy, le novonoan'Isimaela anak'i Netania sady nariany tanay ty lavaky ndrozy, ie noho ty olo niaraky taminy⁸Kanefa nisy olo folo tamindrozy rey nivola tamy Ismaela manao hozao: "Ka mamono anay, fa misy vatanay am-baibo any: vary hordea, soliky noho tantely." Le tsy nivoanoany niaraky tamy ty namany ilany rey ndrozy. ⁹Ty famorina-drano ze nandatsahan'Isamaela ty maty iaby ze nivonoany, le famorian-drano bevata ze niahalia i Asa Mpanjaka ho fiarova hanohera an'i Basa mpanjaka an'Israely. Natrehan'Isamela anak'i Natania any faty rey zay. ¹⁰Bakeo le nisamborin'Isamaela ty olo iaby ze ta Mizpa any, ty anak'ampela ty mpanjaka noho ty olo iaby ze ilany tavela ta Mizpa ze fa nitingin'i Nebozaradana be ty mpiamby ho ahin'i Gedalia anak'i Ahikama. Le nisambotsy androzy rey Isimaela anak'i Natania sady nandeha nanapatapaky tamy ty olon'i Amona. ¹¹Fa i Johanana anak'i Kareia noho ty mpifehy ty miaramila niaraky taminy le nahare ty loza iaby ze nanov'Isimaela anak'i Natania. ¹²Le nivlanindrozy ty olony iaby sady nandesiny hialy hanohitsy Isimaela ank'i Natania. Hitandrozy tamy ty dobo bevata ahin'i Gibeona tany ie. ¹³Sady lafa hita ty olo iaby ze niaraky tamy Isimaela i Johanana anak'i Kareia noho ty mpifehy ty miaramila iaby niaraky taminy, le vatany faly ndrozy. ¹⁴Le nitoliky olo iaby ze nosamborin'Isimaela ta Mizpa tany le nandeha tamy johanana anak'i Kareia tany. ¹⁵Fa nilay niaraky tamy ty lahlahy valo baka ta Johahnana Isimaela anak'i Netania. Nandeha amy ty olon'i Amona ie. ¹⁶Nala i Johanana ank'i Kareia baka a Mizpa ty olo iaby ze navota tamy Isimaela anak'i Netania. Nangalaky ty lahilahy mare, ty lahilahy mpialy rey, ty aja noho ty ampela rey, noho tan-dapa ze avotsy ta Gibeona tao rey i Johanana noho namany rey. ¹⁷Le nandeha ndrozy le nipetraky fotoa fohy ta Gerota Kimama tany, ze tanila i Betlehema. Nandeha ta Egyptany ndrozy noho ty keldeana rey. ¹⁸Ndrozy rey le navaka androzy safe nivoan'Isimaela anak'i Netania i Gedalia anak'i Ahikama, azy nampiambena ty mpanjaka aniazay tany zay.

Chapter 42

¹Le nagnato an'i Jeremia mpaminany ty mpifehy ty miaramila iaby noho i Johanana anakilahin'i Karea, Jazania anakilahin'i Hosaia, noho ty olo iaby nanomboky mamy ty kely mare le zisiky amy ty bevata mare. ²Hozao tiasandrozy taminy: "Engaho ho avy anilanao eo ty fangatahanay. Mivavaha hoahinay amy Yaveh Ndranaharinao noho hoahy ty olo sisa rey safe fa tsy ampy ty isakinay, araky ze hitanao zao. ³Volano Yaveh Ndranahariana mba hivola aminay ty lala tokony handinay noho ty tokony hanovinay." ⁴Le hoasan'i Jeremia mpaminany tamindrozy rey manao hozao: "Fa reko nareo. Ingo, hivavaky amy Yaveh Ndranarinareo araky ze fa nangatahinareo zaho. Ndra ino ndra ino ty havalin'Yaveh, le ho volaniko aminareo. Tsy hitanjaky ndra ino ndra ino aminareo zaho." ⁵Hozao tiasandrozy tany Jeremia: " Yaveh lehy ho vavolombelo amy ty to noho tsy mivaliky ho ahitsika laha tsy manao ze kila raha iaby volan'Yaveh Ndranahinao ho hanovinao zahay." ⁶dra ho soa ndra ho raty zay, le hagnoriky ty feo Yaveh Ndranaharinay zahay, mba hasoa anay lafa magnoriky ty feo Yaveh Ndranaharinay zahay." ⁷Tamy ty fiasara ty faha folo andro, le niavy tany Jeremia ty safa Yaveh. ⁸Le nikaiky an'i Johanana anakilahin'i Karea noho ty mpifehy ty miaramila miarakany aminy iaby i Jeremia, le ty olo iaby nanomboky amy ty kely mare le zisiky amy ty bevata mare. ⁹Le hozao tiasandrozy taminy: "Zao ty volan'Yaveh, azy Ndranahar'Israely--- ze nanirahanareo ahy mba hahazako maenga ty fangatahanareo alohany eo --- manao hozao: " ¹⁰Laha mimpoly noho mipetraky amy ty tany toy nareo, le hanary anareo Zaho fa tsy handrava anareo; hamboly anareo Zaho fa tsy hanombotsy anareo, fa hangalaky ty loza ze fa nandesiko taminareo teo Zaho. ¹¹Ka mavaka ty mpanjaka an'i Babylona, ze avakanareo. Ka mavaka azy ---zay ty volan'Yaveh--- safe Zaho miaro anareo mba hamonjy noho hanavotsy anareoan-tananay eny. Fa Zaho hanome anareo famalozam-po. ¹²Hiferinay anareo Zaho, sady Zaho ro handay anareo himpoly amy ty taninareo. ¹³Fe laha hozao tiasanareo: "Tsy hipetraky amy ty tany toy zahay"--- laha tsy mijanjy ty feoko, ze feo Yaveh Ndranaharinareo nareo. ¹⁴Laha hozao tiasanareo: " Aha! handeha ho amy ty tany Egipta zahay, ze tsy ahitanay aly, ze tsy harenasanay ty feo ty trompeta, sady tsy ho mosare hany zahay. Hipetraky any zahay." ¹⁵Henanizao janjino ty safa Yaveh zao, nareo ze sis a Joda any.Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, le nivola hozao:" Laha hiongaky handeha ho a Egipta vatany nareo, le handeha noho hipetraky any, ¹⁶le hagnia anareo amy ty tany Egipta ty mesobe ze avakanareo. Hanoriky anareo any ty mosary ze atahoranareo, le ho maty any nareo. ¹⁷Le ty lahilahy iaby ze niongaky hoa Egipta mba hipetraky any le ho maty ty mesobe, mosary, na arety mandripaky. Tsy hisy sisa velo sasy ndrozy, tsy hisy ho afaky hilay tyfahavooa ze andesiko ndrozy. ¹⁸Fa milaza Mivola hoizao Yaveh Tompoa ty lako, Ndranahar'Israely, : "Manahaky ty filatsaha ty heloko noho ty siakiko tany ty mpipetraky a Jerosalema, le manahaky zay koa ty fomba hilatsaha ty heloko aminareo laha mandeha a Egiptany nareo. Hanjary raha fanozona noho horohoro nareo, raha hivolana ozo, sady raha tzy maeva, le tsy ho hitanareo sasy toera zay." ¹⁹Le hozao tiasa i Jeremia: " Yaveh lefa nivola mikaisky anareo--- nareo sisa i Joda. Ka mandeha a Egipta any! Le vatany hainareo vatany fa efa vavolombelonareo Zaho henaniny io. ²⁰Fa namitaky mare ty vatanareo nareo lafa nandefa ahy ho amy Yaveh Ndranaharinareo le nivola hozao: ' Mivavaha amy Yaveh Ndranaharitsika ho ahinay. Ze Volanin_dranahary iaby, le volano anay, sady le ho hataonay zay.' ²¹Fa efa notanteriko taminareo nandroany, fe nareo tsy mba nijanjy ty feo Yaveh Ndranaharinareo ndra tany ty raha mikasiky ty nanirahany azy ho aminareo. ²²Le henanizao, tokony ho hainareo vatany fa ho maty mesobe, mosary , saduy arety mandripaky nareo amy ty tany ze teanareo hipetraka any."

Chapter 43

¹Le niengy ty fivolanany i Jeremia ty safa iaby an'i Yaveh Ndranaharindrozy ze nivolaniny taminy mba ho volaniny amy ty olo iaby. ²Azaria anakilahin'i Hosaia, Johanana anakilahin'i karea, le ty olo niavonavo tany Jeremia le nanao hozo: "Mivola vandy iha. Yaveh Ndranaharinay le tsy naniraky anao nivola hozo: "Ka mandeha hipetraky an'Egypta any." ³Fa i Baroka anakilahin'i Neria le nanaboka anao hanohitsy anay mba hanafaky anay an-tana ty Kaldeana rey eo, safe iha ro mahavy ty famonoa anay sady manao anay ho gadra a Babylona any."⁴Le nanda tsy hijanjy ty feon'Yaveh mba hipetraky amy tranon'i Joda i Johanana anakilahin'i Karea, ty ndranahary ty miaramila iaby, sady ty olo iaby rey. ⁵Johanana anakilahin'i Karea noho ty be ty miaramila iaby le nanday ze sisa nenga iaby tany i Joda ze nimpoly baka amy ty fierenena iaby tany ty nanaparitaha androzy mba hipetraky amy ty tanin'i Joda. ⁶Nalandrozy rey ty lahilahy noho ty ampela, ty aja noho ty anakampela ty mpanjaka, sady ty olo iaby ze nengay Nebozaradana, mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka tamin'i Gedalia anakilahin'i Ahikama anakilahin'i Safana. nalandrozy avao koa i Jeremia mpaminany noho i baroka anakilahin'i Neria. ⁷Nandeha amy ty tany Egypta any ndrozy, a Tapanesa any, safe ndrozy rey le tsy nijanjy ty feo Yaveh. ⁸Le niavy tany Jeremia ty safa Yaveh ta Tapanesa, nanao hozo: ⁹"Mandrambesa vato bevata lakolako amy ty tananao, le avonio amy ty mason'i Joda amy ty fotaky ty rarivato amy ty filira mbamy tranon'i farao a Tapanesa ao rey."¹⁰ Le volano hozo ndrozy: "Yaveh tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, mivola hozo: 'Ingo, handefa irakyhangalaky an'i Nebokadnezara mpanjaka an'i Babylona manahaky ty mpanompoko Zaho. Ho engako amy ty vato rey ty seza fiadanany ze nalevinao, ry Jeremia. Hanenga ty lainy amindrozy rey i Nebokadnezara."¹¹Fa ho avy ie sady hanafiky ty tana i Egypta. Ze voatingy ho maty le hasesy ho vonoa. Ze voatingy ho sambory le azo sambotsy . Ze voatingy ho amy ty mesobe le hamea ty mesobe. ¹²Le hampirehetsy afo amy ty fiangona ty ndranaharin'Egypta zaho. Nebokadnezara le handoro androzy na hisambotsy androzy. Handio ty tana i Egypta manahaky ty mpiamby aondry mandio ty biby maliniky amy ty sikindrozy ie. Le hiboaky amy zay toera zay amy ty fandreseha ie. ¹³Handrava ty tsangam-bato a Neopolisa any amy ty tanin'Egypta any ie. handoro ty fiangona ty ndranahary tiahy Egypta ie."

Chapter 44

¹Ty safa ze niavy tamy Jeremia mikasiky an'i Jiosy iaby ze nipetraky tamy ty tany Egipta, le ty olo nipetraky ta Migdola tao, Tapanesa, Memfisa, sady tamy tany Patrosa tao. ²"Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, manao hozo: Nareo mihintsy ro fa nahita ty loza iaby ze nandesiko tamy Jerosalema noho ty kila tana i Jda iaby. Ingo, rava ndrozy henanizao. Tsy misy olo mipetraky amindrozy ao. ³Nahavy anizay le noho ty raha raty nanovin-drozy mba hahameloky Ahy tamy ty nandinany handoro ditin-kazo manitsy noho nanompoany ndranahary hafa. Rey le ndranahary tsy haindrozy, ndra nareo, ndra ty razanareo. ⁴Le nirahako tsikanikany hoamindrozy ty mpanompoko mpaminany iaby. nirahikko ndrozy rey mba hivola hozo: 'Eneno ty fananova raha fahatany ze hejiko zao.' ⁵Fe tsy nijanjy ndrozy. Nanda tsy hijanjy ndrozy ndra hiala amy ty faharatiany tamy ty fandoroa ditin-kazo manitsy hoahy ty ndranahary hafa rey. ⁶Ke nilatsaky ty siakiko noho ty heloko le nampirehetsy afo tamy tana i Joda noho ty lala a Jerosalema rey tao. Le nanjary faharava noho fahapoteha, manahaky ty amy andro henizao zao io rey. ⁷"Le henanizao, le mivola manahaky zao Yaveh Ndranahary Tompoa ty lako noho Ndranahar'Israely: "Nanino va nareo ro manao faharatia bevata amy ty vatanareo? nanino nareo ro nanao ze tsy hampisy anareo amy ty Joda rey— le ty mapela noho ty lahilahy, ty aja? Tsy hisy ho enga aminareo. ⁸Tamy ty faharatianareo ro nampimelohanareo Ahy noho ty asa ty vatanareo, tamy ty fandoroa ditin-kazo manitsy hoahy ty ndranahary hafa tamy ty tany Egipta, ze nandinanareo hipetraka. Nandeha tany nareo mba ho rava, mba hanozona noho hafaha baraky anareo amy ty firenena ty kila tany iaby. ⁹Vasa nihalinonanareo ty faharatia nanovy ty razanareo noho ty faharatia nanovy ty mpanjaka i Joda noho ty valiny? vasa halinonanareo ty raty nanovinareo noho ty valinareo tamy ty tanin'i Jda noho ty lala be ty Jerosalema? ¹⁰Zisiky henany io le mbo tsy nanambany vata ndrozy. Tsy nanaja ty lalako ndra ty liliko ze nengako talohandrozy rey rozy noho ty razandrozy, ndra mandeha amin'ireny. ¹¹"Lafa zay Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, le nivola hozo: "Ingo, fa hanapa-kevitsy ty hilay ty vatako aminao Zaho. ¹²Fa halako ty sisa nenga amy Joda ze naboaky handeha ho amy tany Egipta mba hipetraky any. Hanoviko ze hamonao androzy iaby baka amy tany Egipta. Ho maty ty mesobe noho ty mosary ndrozy. Manomboky amy ty kely mare le zisiky amy ty be mare le maty ty mesobe noho ty mosary. Ho maty ndrozy sady hanjary raha fifanta, fanozona, fandatsa, sady raha mampavaka. ¹³Fa hanasazy ty olo mipetraky amy tany Egipta manahaky ty nanasaziako an'i Jerosalema tamy ty mesobe, mosary, sady ty arety mandripaky Zaho. ¹⁴Tsy hisy ho afaky hilay ndra ho velo ty ilan'i Joda ze handeha mba hipetraky amy ty tany Egipta ao ro hiploly amy ty tany i Joda, ndra te himpoly noho hipetraky any aza ndrozy. Tsy hisy himpoly ndrozy, hafa tsy ze kely hilay hiala etoa. ¹⁵Le ty lahilahy iaby ze nahay fa handoro ditin-kazo manitsy hoahy ty ndranahary hafa ty valindrozy, noho ty ampela iaby ze tanay ty fiangona bevata, sady ty ol iaby ze nipetraky tamy tany Egipta tany Patrosa le namaly an'i Jeremia. ¹⁶Hozo tiasandrozy: "Mikasiky ty safa ze nivolaninao taminay tamy ty anara Yaveh—le tsy hijanjy anao zahay. ¹⁷Fa hanovinay iaby ty kila raha iaby ze nivolaninay fa hanovinay— le handoro ditin-kazo manitsy hoahy ty Mpanjaka ampela ty Lanitsy sady handraraky fanday hinoma ho tiazy manahaky ty fanaonay, razanay rey, ty mpanjakanay rey, sady ty mpitariky anay tamy ty tana i Joda noho tany lala i Jerosalema. Le ho vintsy hany zahay le ho tahia, ro sady tsy hisy loza. ¹⁸Laha hiengy tsy hanao ty raha rey zahay, tsy hanesy ditin-kazo manitsy hoahy ty Mpanjaka ampela ty Lanitsy sady tsy handraraky fanday hinoma ho tiazy, le nijaly tamy tsy fisia zahay sady ho maty ty mesobe noho ty mosary." ¹⁹Hoasa ty mapela arey: "Lafamanao fanday ditin-kazo manitsy aloha ty Mpanja ampela ty Lanitsy zahay sady handraraky fanday hinoma ho tiazy, vasa hanohitsy ty valinay va ty nananovanay ty raha rey, manao mofo mamy amy ty endrikinay sady handraraky fanday hinoma ho tiazy?" ²⁰Le hoasa i Jeremia tamy ty olo iaby— tamy ty lahilahy noho ty ampela, sady tamy ty olo iaby ze namaly azy— nivola ie le nanao hozo: " ²¹Vasa tsy tiaron'Yaveh ty ditin-kazo manitsy ze noroanareo tamy tana i Joda noho ty lala i Jerosalema rey— nareo noho ty razanareo, ty mpanjakanareo noho ty mpitariky, sady ty mpipetraky amy ty tany iaby? Fa efa nahatiaro anizay Yaveh; niavy tan-tsainy ao zay. ²²Le tsy zakany sasy zay noho ty fananovanareo raty, noho ty raha fahatany nanovinareo. Le hanjary ho kamo, ho horohoro, sady ho ozo ty taninareo mba tsy hisy pipetra manahaky amy zao andro henanizao zao sasy. ²³Safe nandoro ditin-kazo manitsy sady nanota tamy Yaveh nareo, safe tsy nijanjy ty feony, ty lalany, ty liliny, ndra ty lala ty fanenkeany nareo, le nahazo anareo zao loza zao manahaky ty andro henanizao zao. ²⁴Le hoasa i Jeremia tamy ty olo iaby noho ty ampela iaby: @@Mijanina ty vola Yaveh, ry Joda iaby ze amy ty tany Egipta. ²⁵Yaveh Tompo ty lako, Ndranaharin'Israely, manao hozo: Nareo noho ty valinareo le fa samby nivola tamy ty vavanareo sady nanatanteraky tamy ty tananareo ze nivolaninareo hozo: "Hotanterahanay vatany ty voady ze nanovinay hanompoa ty ampela Mpanjaka ty Lanitsy, mba handraraky fanday hinoma ho tiazy."Henanizao efao ty voadinareo; tanteraho rey. ²⁶Le mijanjina ty safa Yaveh, ry Joda iaby ze mipetraky amy ty tany Egipta ao,' Ingo, fe nivanta tamy ty anarako bevata Zaho— hoasa Yaveh. Tsy ho kaiha

amy ty vava ty olon'i Joda amy ty tany Egypta iaby sasy ty anarako, le nareo ze mivola henanizao manao hozao: "laha mbo velo avao koa ty Tompo Yaveh." ²⁷Ingo, miamby androzy ho amy ty loza fa tsy ho amy ty soa Zaho. Ty olon'i Joda iaby amy ty tany Egypta ao le ho maty ty mesobe noho ty mosary zisiky mahatampisty azy iaby. ²⁸Sady ty tsy maty ty mesobe le himpoly baka amy ty tany Egypta ho amy ty tanin'i Joda, ty tsy ampy isa amindrozy rey avao. Le ty ilany tavela tamy Joda iaby ze nandeha tamy tany Egypta mba hipetraky any le hahay hozao ty vatania ro ho tanteraky: ty ahy sa ty ahindrozy. ²⁹Zao ty famantara ho ahinareo---zay ty volan'Yaveh---fa hanohitsy anareo amy zay toera zay ao Zaho, mba hahaizanareo fa hanisy anareo amy ty loza vatany ty vatako.' ³⁰Zao ty vola iYaveh: 'Ingo,fa hanesy an'i Farao-Hofra mpanjaka an'i Egypta an-tana ty fahavalony noho an-tana ty ze mikinia ty ainy eo Zaho. Zay le manahaky ze naneseako an'i Zedekia mpanjaka an'i Joda tan-tana i Nebokadnezzara mpanjakan'i Babylona, azy fahavalony zay namono ty ainy."

Chapter 45

¹Ty ty safa ze nivolanin'i Jeremia mpaminany tany baroka anakilahin'i neria. Lafa nanoratsy ty safa nivolanin'i Jeremia retia ie--- tany tao faha efatsy nanjakan'i Joiakima anakilahin'i Joiakima anakilahin'i Josia, mpanjaka an'i Joda zay, le hozao tiasany: ²"Yaveh, Ndranaharin'Isarely; le mivola zao amizao, ry baroka: ³Nivola hozao iha:' Iliran-doza zaho, safe nampian'Yaveh fijalia ty faharariko. Namozaky ahy ty alaheloko; tsy nahita fienena zaho."⁴Zao ro tsy maintsy vianinao aminy: 'Yaveh de mivola zao: Ingo ho simbako ze naoriko. Hombotako ze namboleko--- ho ataoko heniky ty kila tany iaby zay. ⁵Vasa iha mitama raha bevata hoahy ty vatanao? Ka mitama anizay. Fa ingo, loza ro ho avy amy ty olombelo iaby---zay ty volan'Yaveh---fa hameako anao ho manahaky ty halatsinao amy zay iaby ho andinao eka ty fiainanao.'"

Chapter 46

¹Zao ty safa Yaveh ze niavy tamy Jeremia mpaminany mikaiky firenena rey. ²Ho a Egipta: "Mikasiky ty miaramilan'i Farao-neko, mpanjaka an'i Egipta ze a Karkemisy amoro ty reniranon'i Eofrata zao. Toy ty miaramila ze resin'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona tamy ty faha efatsy tao nanjakan'i Joakima anakilahin'i Josia, mpanjakan'i Joda: ³Anovy vono eno ty fiarova kely noho ty fiarova bevata, sady mandina mandroso hialy. ⁴Engaho anabo soavaly fialia rey; manganiha anabo i soavaly le rambeso ty kobay tananao miaraky amy ty aro loha anabony eo, ranito ty lefo sady engaho amy ty siky fiarovanao. ⁵Fa va zao hitako zao? Atsiky havaka ndrozy sady nilay, safe resy ty miaramilandrozy. Nilay nila fiarova ndrozy le tsy magnety ze afara ao. Amy ty manodidy iaby eny ty horohoro--- zay ty volan'Yaveh--- ⁶tsy afaky milay ty malaky fandeha, sady tsy afaky milay ty miaramila. toitsy tavaratsy any ndrozy sady niravoky ntanila ty reniranon'i Eofrata. ⁷Ia va ty manganiky manahaky an'i Neily toy, ze masiaky miakatsy noho mijotso manahaky ty renirano ty onjany? ⁸Miakatsy manahaky an'i Neily i Egipta, manahaky ty onja ze miakatsy noho mijotso. Hozao tiasa i Egipta: 'Hiakatsy zaho sady hanaro ty tany. Hanimba ty tana rey noho ty mpipetrakikiny zaho. ⁹Manganiha, ry soavaly. Engaho ho meloky, narei ry kalesy. Engaho hiboaky miaramila rey, Kosy noho i Pota, lahilahy mana- pahaiza manoka amy ty fampiasa fiaro, le Loda, lahilahy manam-pahaiza amy ty fanenjana ty kititsindrozy. ¹⁰Tamy ty andro io ro andro ty valifatyy ty Tompo Yaveh tompoa ty lako, sady hamalifaty vahavalo hoahy ty vatany rey ie. Hitely ty mesobe le ho afa-po. Hino ty lio mikoroky ahindrozy rey zay. Fa hisy soro hoahy ty Tompo Yaveh tompoa ty lako amy ty tany avaratsy anila ty reniranon'i Eofrata ¹¹Miakara a Gileada any sady mangala fanafoly, ry anakampela ty virijiny Egipta. Tsy misy dikany ty nampipitihanao fanafoly lakotamy ty vatanao. Tsy misy fahajanga ho ahina. ¹²Nahare ty fahafaham-baraky anao firenena rey. Atsiky ty taninao ty tany, fa nialy tamy miaramila raiky ty miaramila raiky; niaraky niravoly ndrozy roe rey. ¹³Zay ty safa Yaveh nivolaniny tamy Jeremia mpaminany lafa niavy noho nanafiky ty tany Egipta i Nebokadnezara mpanjaka an'i Babylona: ¹⁴"Volano a Egipta ao, sady volano amy Migdola ao, Memfisa, le i Tapanesa zay. 'Rambeso ty toeranao sady omano ty vatanao, fa hitely ty manodidy ana ty mesobe. ¹⁵Nanino ty maherinao ro ravoly amy ty tany? Tsy hitsanga ndrozy rey, safe Zaho, yaveh, ro nandrosiky androzy ho amy ty tany. ¹⁶Mampitombo ty asa ty laginy Ie. Ty miaramila kiraikiraiky le mifanolo maty ty ilany. Hozao tiasandrozy: 'Mitsangana. Ndao tsika holy.ndao tsika himpoly amy ty olotsika rey, amy ty tany nahaterahantsika. Ndao tsikahanenga ty mesobe ze nanisy antsika toy.' ¹⁷Nivola tany ndrozy rey manao hozao: 'Farao ty mpanjaka an'i Joda le nikorakoraky avao, azy raiky ze nanenga ty irakiny hanjary nandeha avao. ¹⁸Laha mbo velo avao koaZaho--- nivola ty Mpanjaka, ty anarany le Yaveh tompoa ty lako--- le hisy olo raiky ze hanjary manahaky ty Vohitsy Tabara noho Vohitsy Karmela anila ty riaky. ¹⁹Omano ty enta handesinareo antsisin-tany anny, nareo ze miperaky a Egipta any. Fa tsy hisy i Memfisa, handry amy ty fahavaratsy ie sady tsy hisy ndra ia ndra ia hipetraky any. ²⁰Egipta le aomby vavy tanora le vatany soa tarehy, fe hisy biby maliniky ho avy baka avaratsy. Ho avy zay. ²¹Ty miaramila nokarama anelanelany eo le manahaky ty aomby lahy vondraky, fa ndrozy rey avao koa anefa le hiodiky sady hilay. Tsy hiaraky hitsanga ndrozy, safe niavy ty andro ty loza hanisy androzy, ty fotoa ty sazindrozy. ²²Misioky manahaky ty bibilava i Egipta, sady milaly, fa ty fahavalony koa le magnoriky hanohitsy androzy. mandeha amindrozy manahaky ty mpanapaky hata miaraky amy ty famaky ndrozy. ²³Hanapaky ty ala ndrozy--- zay ty volan'Yaveh--- ndra lako mare aza zay. Fa ho lako mandilatsy ty valala vahavalo rey, tsy hay hisafy. ²⁴Ho latsa-baraky ty anak'ampela i Egipta. Hasesy an-tana ty olo baka avaratsy eo ie. ²⁵Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharin'Israely, le mivola hozao: "Ingo, an-dala mpisazia an'i Amona baka a Teba any, Farao, Egipta noho ty ndranaharininy, Farao mpanjakany rey sady ay matoky azy rey Zaho. ²⁶Ho asesany an-tana rey ze manafaky ty aindrozy, sady an-tana i Nebokadnezara mpanjaka i Babylona noho ty mpanompony. Afaran'izay le tsy ao hipetraka manahaky tamy ty andro taloha i Egipta--- zay ty volan'Yaveh. ²⁷Fa iha, ry Jakoba mpanompoko, le ka mavaka. Ka mavaka, ry Israely, fa ingo, hampipoly anao baka alavitsy any Zaho, sady ty anakinnao baka amy ty tany naha azo sambotsy androzy rey. Le himpoly eo Jakoaba bakeo, hahita fiadana, sady ho arova, le tsy hisy ndra ia ndra ia hanorohoro azy. ²⁸Iha, ry Jakoba mpanompoko, ka mavaka--- zay ty volan'Yaveh--- fa miaraky amiano Zaho, le handay fahara tantaeraky amy y firenena iaby rey ze hanaparitahako anao Zaho. Fa tsy le vatany hanimba anao Zaho. Hanamelky anao araky ty to Zaho sady tsy haenga anao ho afaky amy ty sazy."

Chapter 47

¹Zao ty safa Yaveh ze niavy tany Jermia mpaminany mikasiky an'i Felistina. Zao safa zao le niavy taminy taloha ty nanafihan'i Farao an'i Gaza.² Yaveh le mivola hozao: "Ingo, miakatsy ty tondra-ndrano avaratsy any. Hanahaky ty renirano hanafotsy zay! sady hanafotsy ty tany noho ty kila raha iabby amizay ao ndrozy, ty tana noho ty mpipetraky aminy eo zay! Lafa zay ty olo iaby le hikoraky fanampia, sady hitany ty mpipetraky iaby amy tany zay ao.³Tamy ty feo fikoraoraky ty kitro-ty soavaly matanjakin-drozy noho ty korakoraky ty ty larondrozy, ty razanay rey le tsy hanampy ty anany rey noho ty fahadisoandrozy manoka. ⁴Fa avy ty andro ze handrava an'i Filistina iaby, mba handrava a Tyro noho Sidona ao ty ilany sisa velo iaby ze te hanampy androzy rey. Fa Yaveh le mandrava an'i Felistina rey, azy sisa baka amy ty nosy Kaftora.⁵Ho avy amy Gaza ty fahasola, le hampitsy ty olo ze nenga tambaibony. Zisiky ombia ro handidia ty vatanareo amy ty fisaona? ⁶Eee, ry mesn'Yaveh! Zisiky ombia ro hisian'izay zisiky hintsinanareo? Mimpolia amy ty fipetrahanao! Mienena le ka mivola. ⁷Amy fomba manao akory ro ahafahanao mintsy, fa Yaveh ro fa mandidy anao. Nikaiky anao hanafily an'i Askeolona noho hanohitsy ty sisin-tany manoriky ty riaky Ie."

Chapter 48

¹Hoahin'i Moaba, Yaveh Tompoa ty lako, Ndranahar'Israeky le nivola hozao: " Loza hoahin'i Nebo, fa efa rava zay. Nosambory i Kiriataima sady nafaham-baraky. Potiky noho latsa-baraky ty fiarovany mare.² Tsy misy sasy ty voninahitsy Moaba. Nihevitsy hanao loza hoaahindrozy ty vahavalondrozy ta Hesbona. Hoasandrozy: 'Avia tokony hamotiky azy manahaky ty firenena rey tsika. Ho maty avao koa i Madmena—hagnia anaro baka afara ao ty mesobe.³ Janjino! Avy baka a Horonaima ty feony hikoraky, ze misy faharava noho fahasimba bevata any.⁴ Rava i Moaba. Hampahare ty fitoreony ty anany rey. ⁵Hiakatsy ty vohisy i Lohita ampitania ndrozy, fa amy ty lalapijotsoa i Horonaima, le ho re ty kaikaiky noho ty fahasimba.⁶ Milaisa! Vonjeo ty aianareo sady manjaria manahaky ty akatan'anjavidy an-tany efitsy nany. ⁷Fa noho ty fitamaninao ty fomabanao noho ty hanagnanao, ro hanambora anao koa. Sady i Kemosy le handeha amy ty fisambora, mmiaraky amy ty mpisorony noho ty mpitarikiny rey.⁸ Fa ho avy amy ty tana iaby ty mpandrava; tsy misy tana ho afaky hilay. Le ho rava ty baibo sady ho rava ty tany malemy, araky ty fa nivolanin'Yaveh.⁹ Omeo elatsy i MOaba, fa tsy maintsy hitily vatany ie. Hanjary haolo biby ty tananay rey, ze tsy misy ndra ia ndra ia hipetraky aminirey. ¹⁰Tokony ho voaozo ze malay amy ty fananaova ty asan'Yaveh! Tokony ho voaozo ze mitanjaky ty mesobeny amy ty fandatsaha lio!¹¹ Nahatiaro ho narova i Moaba baka amy ty nahatanora azy. Manahaky ty divainy ze tsy mbo nararaky saky ty valany ie. Tsy mbo nandeha tamy ty fahagadra ie. Lafa zay le soa tsiro zisiky amparany ie; miegny tsy miova ty tsirony. ¹²Le ingo; ho avy ty andro—zay ty volan'Yaveh—lafa nandefa aminy ze hanifikify azy noho handraraky ty valaniny iaby sady hamaky ty sihony Zaho. ¹³Le ho menatsy i Kemosy i Moaba manahaky nimennara ty longon'Israely an'i Betela, ty antony fahatokisandrozy. ¹⁴Manao akory ro hivolananao manao hozao: 'zahay le miaramila, lahilahy mpialy mahery?'¹⁵ Ho rava i Moaba sady ho tafihy tanany rey. Fa ty mpamarakiny tovolahy mare le fa nampijotsoa amy ty toera famonoa. Zay ty vola ty mpanjaka! Yaveh Tompoa ty lako ty anarany. ¹⁶Hiseho tsy ho ela ty faharavan'i Moaba; ho avy malaky tsy ho ela ty loza. ¹⁷Nareo iaby manodidy an'i Moaba, mitania; sady nareo iaby ze mahay ty fahalazany, hikorakoraky manao hozao: 'Loza fa simba, ty kobay mare, noho ty ratsan-kazo manam-boninahitsy.¹⁸ Mijotsoa amy ty toeranareo lako voninahitsy sady mipetraka amy tany maiky, iha anak'ampela mipetraky a Dibona ao. Fa iazy handrava an'i Moaba ro fa nanafiky anao, azy handrava ty fiarova mare. ¹⁹Mitsangana amy ty lala eo le jilovo, nareo olo mipetraky Aroera ao. Anontanio ze fa nietaky noho ty nilay. Volano hozao: 'Nisy ino?' ²⁰Nanjary menatsy i Moaba, fa notopepoteha ie. Mivazavaza sady mitania; mikorakoraha famonjea. Volana amy ty olo amy ty renirano Arnona eo zay fa rava i Moaba. ²¹Henanizao le avy ty vohitsy ty fanasazia, hoahy i Holona, Jahaza, sady i Mefata, ²²hoahin'i Dihona, Nebo, noho i Betidiblatima, ²³hoahin'i Kiriataima, Beti-gomola, sady i Beti-meona, ²⁴hoahin'i Keriota noho i Bozra, sady hoahy ty tana iaby amy ty tanin'i Moaba— ty tana lavitsy mare noho ty marikitsy mare. ²⁵Notapahy ty tsifan'i Moaba; Notapaha ty sandriny—zay ty volan'Yaveh. ²⁶Anovo mamono ie, safe niasa ampirengerengea hanohitsy an'Yaveh ie. Engaho hidafodafoky amy ty loany i Moaba, sady engaho ho zay ty antony handatsa azy. ²⁷Fa tsy Israely va ro najary antom-piheheza ho ahinao? Tsy hita tamy mpangalatsy teo va ie, le nanolikolihanao ty lohanao taminy manahaky ty nivolananao ty mikasiky azy tsikanikany?²⁸ Volano ty tana sady mivoria amy ty lavaky, ry mpipetraky a Moabo. Manjaria manahaky ty piroke ze manao ty tranony amy ty ava ty lavaky eny amy ty lafiambato. ²⁹Retsika ty firengirengenan'i Moaba—ty fiavonanavonany, ty fievotsevotsy, ty avonavony, ty fisehosehoany sady ty firengirengena ty fony. ³⁰Zao ty volan'Yaveh—Zaho avao ro mahay ty safany manahitsy, ze tsy misy takalony, manahaky ty asany rey. ³¹Le hitoretoreo fitomania hoah'i Moaba zaho, sady hikoraky amy ty alahelo hoah'i Moaba iaby zaho. ³²Hitany hoahy ty olo i Kira- haresa Zaho. Hitany ho ahinao mandilatsy ty ze nanoviko hoanin'i Jazera Zaho, ry voalobok'i Sibma! manapatapaky ty riaky masira ty tananao sady mahavy baka amy Jazera any. Nanafiky ty voa ty vahavaratsinao noho ty divainao mpandrava rey. ³³Le nala lavitsy ty hazo fihinana voa noho ty tanin'i Moaba ty fankalaza noho ty hafalia. Nampiegnny ty fanam-boara ty divaindrozy Zaho. Tsy hanitsaky ty korakim-pifaleandrozy rey. Ty korakoraky iabb le tsy ho korakorakim-pifalea. ³⁴Avy baka Hesbona le zisiky Elale korakoraky rey, re a Jahaza any ty feon-drozy, baka a Zoara le zisiky a Horonaima noho Elgata-selisias, fa ndra baka amy ty ranon'i Nimrima aza le maiky. ³⁵Fa hamita ze manao soro amy ty toera anabo noho ty mandoro ditin-kazo manitsy hoahy ty ndranahariny a Moaba ao Zaho- zay ty voan'Yaveh. ³⁶Le nitany an'i Moaba manahaky ty sodina t foko. Nitany manahakky ty sodina hoahy ty olo a Kira-haresa ty foko. Nandeha aty hanagna ty azondrozy. ³⁷Fa sola ty loha iaby sady niharatsy ty vaokany iaby. Amy ty tana iaby ty ratsy, sady ty manodidy ty valahandrozy ty lamba fisaona. ³⁸Le Misy fisaonana ndra aia ndra aia, le amy ty tapela-tafotrano noho amy ty toera malalakin'i Moaba. Fa nopotehako manahaky ty valany ze tsy misy mpitea i Moaba—zay ty volan'Yaveh. E! ty namotepoteha zay! ³⁹E ty mikorakoraky amy ty tanindrozy! Mampiodiky ty lambosiny hoahy ty henatsy i Moaba! Le nanjary antom-pimeheza noho fampihorohoroa hoahy ty manodidy azy iaby i Moaba. ⁴⁰Fa hoasa

Yaveh: "Ingo, hoavy manahaky ty voromahary ty valavalo rey, mamelatsy ty elany anabon'i Moaba.

⁴¹Voasambotsy i Keriota, sady voaroba ty fiarovany mare. Fa amy fotoa zay le hanjary ty fonam-pela mitsongo ty fo ty miaramilan'i Moaba.⁴²Le ho rava i Moaba sady tsy hisy olo sasy, safe nanao ty vatany ho bevata mandilatsy Yaveh ie. ⁴³Horohoro noho lavaky, sady fandriky ro ho avy aminareo eo, ry mpipetraky a Moaba---zay ty volan'Yaveh. ⁴⁴Ze milay noho ty horohoro le hilatsaky any ty lavaky, sady ze manganiky ty lavaka le ho tratsy ty fandriky, fa hanaday anizay amindrozy eo Zaho amy ty tao ty valifatiko amindrozy--- zay ty volan'Yaveh. ⁴⁵Ze milay le hitsanga tsy manan-kery amy ty alok'i Hesbona, fa hiboaky baka Hesbona ao ty afo, ty lelan'afo baka anivon'i Sihona. handrava ty handrin'i Moaba noho ty tampin-doha ty olo mpirengirengy zay. ⁴⁶Loza ho ahinao, ry Moaba! Rava ty olon'i Kemosy. Fa alako ho sambory ty anakilahinao lahilahy sary ty anakam-pelanao ho amy ty fisambora. ⁴⁷Fa hampoliko ty hanagna i Moaba rey amy ty andro farany--- zay ty volan'Yaveh."Vita eo ty fitsara an'i Moaba.

Chapter 49

¹Laha mikasiky ty olon'i Amona, zao ty volan'Yaveh: "tsy manan'anaky va Israely? Vasa tsy misy olo raiky handova ndra ino ndra ino an'Israely va? Nanino i Malkana ro nidongy an'i Gada, sady ty olony hipetraky amy ty tanany? ²Le ingo, hoavy ty andro--- zao ty volan'Yaveh--- lafa hampaneno ty feo famantara hoahy ty aly hanohitsy an'i Raba amy ty olon'i Amona eo Zaho, le hanjary bolokom-pahara zay sady ty manam-boninahitsy le horoa amy ty afo.Fa Israely hana ze raha tsy anananany," Hoasa Yaveh.³Mikorakoraha amy ty fitoreova, ry hesbona, fa ho rava i Ay! Mikoraha, ry anakam-pela i Raba! Mananova lamba fisaona. Mananova fitaraina sady milomaisa fahatany, fa i Malkana le hanjary ho azo sambotsy, miaraky amy ty mpisoro noho ty mpitariky iaby. ⁴Nanino iha ro mirengirengy amy ty lohasahanao, lohasahanao rey le vatany mahavokatsy lako mare, ry anakam-pela tsy manam-pinoa? Iha ze mitama amy ty hanagna le manao hozao, 'Ia ro ho avy hanohitsy ahy?'⁵Ingo, handay fampihorohoroa aminao Zaho---zay ty volan'Yaveh Tompoa ty lako--- fampihorohoroa zay le ho avy amy ze manodidy anao iaby. Ty kiraikiraiky aminareo le hiparitaky alohan'izay. Tsy hisy ndra raiky hamory ty nilay. ⁶Fe afaran'izay le hampipoly ty hanagna ty olon'i Amona Zaho---zay ty volan'Yaveh."⁷TY amy Edoma, zao ty voalan'Yaveh Tompoa ty lako: "tsy misy fahendrea sasy va hita amy Temana ao? Nisy torohevitsy soa va baka amy ze nana fahazavan-tsay? Nihasinba va ty fahendrea-drozy? ⁸Milaisa! mimpolia! mipetraka an-davaky ty tany, ry mpipetraky tiahy Dedana. Fa manday ty lozan'i Esao aminy eo Zaho amy ty fotoa ze hamoizako azy.⁹Laha avy aminao ty mpihaza voaloboky, vasa tsy hampiegneny kely va ndrozy? Laha avy amy ty haly ty mpangalatsy, tsy hangalatsy mandilatsy ty ze ila va ndrozy? ¹⁰Fa afa tsy nampisiky an'i Esao Zaho. Nanatoro ty toerany mieteky Zaho. Sady tsy ho afaky hamony ty vatany ie. Ty anany, rahalahiny rey, sady ty mpiharo petraky aminy le ho rava, le nandeha ie.¹¹ Engeho afara any ty kambotinao. Hanampy ty fiainandrozy rey Zaho, sady ty mpanday vatanao le afaky mitama aminao."¹²Fa zao ty folan'Yaveh: "Ingo, azy tsy maeva anizay rey le tsy tokony hino amy ty kapoaky vatany. Mieritseritsy va ty vatanao fa handeha tsy ho sazia iha? aha, safe hino toaky iha. ¹³Fanifanta tany vatako Zaho--- zay ty volan'Yaveh--- fa i Bozra le hanjary horohoro, ho fahafaham-baraka, hahafarinay mare, sady ho raha fanozona. Ty tana iaby le hanjary fahavaratsy mandrakizay.¹⁴nahare vaovao tany Yaveh Zaho, sady nisy iraky nalefa tany firenena rey, 'Mivoria sady rakofy ie. Mivonona amy ty aly."¹⁵Fa ingo, nanoviko kely iha laha ampitovia amy ty firenena hafa, sady tsy ampisia dikany amy ty olo.¹⁶Laha ty fahavaka anao, le namitaky anao ty avonavo ty fonao, ry mpipetraky amy ty toera ty lavaky, iha ze nisaka ty vohitsy anabo mare mba hananovanao ty fipetrahanao ho anabo manahaky ty voromahery. Ho ajotsko baka eny iha---zay ty volann'Yaveh.¹⁷Ho horohoro hoahi ze mandrio amy zay eo i Edoma. Ty olo iaby manahaky zay le hangitikitiky sady hitsiotsioky noho amy ty loza iaby rey. ¹⁸Manahaky ty nadrava an'i Sodoma noho i Gomora sady ty mpiaraky petraky aminy, "hoasa Yaveh, "tsy hisy olo hipetraky any; tsy misy olo hiegnny agny.¹⁹Ingo, hiakatsy manahaky ty liona baka amy ty alan'i Jordana ie ho amy ty tany akata maintso. Fa hampilaisiko mare amizay eo i Edoma, sady hametraky olo ze handramby tana zay zaho. Fa ia ty manahaky ahy, sady ia ro hikaiky ahy? Mpiaraky aondry ia ro afaky hanohitsy ahy?"²⁰"Le janjino ty hevitsy ze notapahan'Yaveh hanohera an'i Edoma, ty fikasa ze fa nanoviny hanohera ty mpipetraky ahin'i Temana. Ho taritarihany amy kila tany eny vatany ndrozy, ndra ty kely mare amy ty aondry aza. Ty tany ty akatany ho hanjary toera horava.²¹Hihozongozo ty tany tany ty feo ty firavohan-drozy. Ty feo ty fitoreova le re baka amy ty riaky Mena. ²²Ingo, misy olo hanafiky manahaky ty voromahery, le hijotso sady hamelatsy ty elany amy ty Bozra eo. Sady amy zay andro zay le ty fo ty miaramila tiahy Edoma rey le hanjary manahaky ty feon'ampela tsongo."²³Ty amy Damaskosy: "Ho menatsy i Hamata noho Arpada, fa nahare ty vaovao mikasiky ty loza ndrozy. Kivy ndrozy! hangitikitiky noho ty riaky ndrozy, ze tsy mety miegnny. ²⁴Mihamavaka vatany i Damaskosy. Mibio hilay zay; azo ty hororhoro zay. Azo ty fijalea noho fahararia zay, manahaky ty fahararia ty ampela teraky. ²⁵Nanino ro tsy nahafoy ty tana fanompoa, ty tanam-bevata ty fifaliako?"²⁶Lafa zay le ho ravoky amy ty toerany ty tovolahy rey, sady ty lahilahy mpialy iaby le ho maty amizay andro zay--- zay ty volan'Yaveh Tompoa ty lako."²⁷"Fa hampirehitsy afo amy ty rindrin'i Damaskosy zaho, sady handrava ty fiarova mare hoahin'i Beni-hadada zay."²⁸Ty amy Kedara noho ty fanjaka'i Hazora, zao ty volan'Yaveh tany Nebokadnezzara (noho Nebokadnezzara mpanjakan'i babylona le hanafiky ty toera rey): " Mitsangana le saforo Kedara sady aravao ty lo bakan-tinana. ²⁹Ho ala ty lainy noho ty aondrininy noho ty aosiny, miaraky amy ty lainy lamba sady ty fitaovany iaby; ho ala amindrozy ramevany rey. sady hanao korakim-pifalea amindrozy rey ty olo, "Hororo ro amy ty mihodidy androzy iaby!"³⁰Milaisa! mandena lavitsy! Mienegna amy ty lavaky ty tany rey eo, ry mpipetrak'i Hazora--- zay ty volan'Yaveh---fa i Nebokadnezzara mpanjakan'i Babylona le fananao hevitsy hanohera anao. Milaisa! mimpolia! ³¹Mitsangana! saforo ty firenena am-pitonia, zay miay amy ty fiarova, "Hoasan'Yaveh. "Tsy mana vavahady ndra fagnilia amindrozy rey, sady ty olony le miay amindrozy rey.³² rava ramevany rey, sady ho rava amy ty aly ty hanagnany lako rey. Sady haeliko amy rivotsy iaby eny reo ze nagnety

ty sisim-bolony, sady handay loza amindrozy amy kila raha iaby Zaho--- zay ty volan'Yaveh. ³³Hanjary fipetraha ty alika ly i Hazora, ho tany haolo maharitsy. tsy misy olo hipetraky any, tsy misy olo ho tavela any."³⁴zao ty Safa yaveh ze niavy tamy Jeremia mpaminany momba an'i Elama. Zao ty nniseho tamy fanomboha ty fanjakan'i Zedekia mpanjaka an'i Joda, le zohazo tiasany : ³⁵"Zao ty volan'Yaveh Tompoa ty lako: Ingo, hanapaky ty mpandefa ty kititsy ahin'i Elama Zaho, ay -bevata ty herindrozy.³⁶ Fa handay ty tsioky efatsy baka amy ty zoro ty lanitsy efatsy Zaho, sady hampiparitaky ty olon'i Elama amy zay rivotsy iaby zay Zaho. Tsy misy fierenena ze tsy handinan-drozy sady naparitaky ta Elama rey.³⁷Sady hamotipotiky an'i Elama aloha ty fahavalony eo Zaho sady aloha ze mila ty ainy rey eo. Fa handay loza hanohera androzy Zaho, ty haloky amy ty siakiko---zay ty volan'Yaveh---sady handefa ty mesobe amindrozy rey ao zaho zisiky mahalany ritsy ty tarihandrozy. ³⁸Le nanenga ty seza fiadanako amy Elama eo Zaho sadt handrava ty mpanjakany noho ty mpitariky baka ao--- zay ty volan'Yaveh --- ³⁹sady hitsanga zay amy ty faranandro ze hanadesako mimpoly ty hanagna i Elama ---zay ro volan'Yaveh."

Chapter 50

¹zao ty safa nivolanin'Yaveh amy ty momba i babylona, azy tany ty Kaldeana rey, tamy alalan'i Jeremia mpaminany: ²"Tantero amy firenena rey sady ampijan'jino ndrozy. Asondroto ty famantara sady ampijan'jino ndrozy. Ka avony zay. Volano hozao: ' Niazao i Babylona. Nafaham-baraka i Bela. Taitsy i Merodaka. Nafaham-baraka ty sampiny rey; taist ty saron-drahany.³ Hintsanga hanisy azy ty firenena baka avaratsy, mba hahavy ty taniny ho faharava. Tsy misy, ndra oo ndra biby, hiay amizay ao. Hilay ndrozy. ⁴Amy zay andro zay sady amizay fotoa zay--- zay ty volan'Yaveh ty olon'Isaraely noho ty olon'i Joda le hiaraky ho avy mba handeha am-pilamina sady hila an'Yaveh Ndranaharindrozy. ⁵Hanontany ty lala mmbly Ziona ndrozy sady hanapatapaky zay, manao hozao: Handeha zahay sady hagnato an'Yaveh amy ty fanenkea mandrakizay ze tsy ho haligno.⁶ Aondry trobo ty oloko. Nitarikyandrozy tamy lala tsy ie am-bohitsy any ty mpiaraky aondrindrozy; nabibiondrozy heniky ty vohitsy ndrozy. Nandeha ndrozy, le nagnalino ty toera nipetrahan'ny. ⁷Ty olo iaby ze niboaky baka amindrozy eo le namidabida androzy. Hozao tiasa ty fahavalony: " Tsy misy hadisoa zahay, safe ndrozy le nanota tamy Yaveh, fipetraha ty to ndrzy--- le Yaveh, azy nitamany ty razandrozy rey iny."⁸ Miala anivo i Babylona; miboaha baka amy ty tanin'i Kaldeana ao, enganie nareo hanahaky ty aosy lahy ze miala aloha ty aondry sisa. ⁹Fa ingo, fa ampanaoava ty hetsiky noho hanangana ty fika-bana ty firenena bevata baka avaratsy hanisy an'i Babylona Zaho. Hifandamy hanohitsy androzy azy ndrozy. Ho sambory baka a Babylona. Hanahaky ty mpahay mialy ze tsy mimpoly amy ty nanam-polo ty kititsindrozy rey. ¹⁰Hanjary ho azo sambotsy i Kaldeana . Ho afa-po ze tea azy iaby---zay ty volan'Yaveh.¹¹ Mifety, mankalaza ty fandraha ty lovako nareo; mitsambokomboko manahaky ty anak'aondry amy ty fihinana'akatany eny nareo; maneno manahaky ty soavaly mahery nareo. ¹²Le vatany ho latsa-baraka ty reninareo; ze niteraky anareo le ho menatsy. Ingo, ho kely mare amy ty firenena ie, ho tany efitsy, tany maiky sady tany haolo.¹³ Noho ty heloky Yaveh, le tsy hioetraha sasy, fa le vatany faharava tanteraky i Babylona. Ty olo iaby ze mandrio le hangitikitiky noho i Babylona sady hifiompioky noho ty ratsiny iaby¹⁴ Mifamalo hanisy an'i Babylona noho ty manodidy azy iaby nareo. Ze olo iaby manenja ty kititsy le tsy maintsy tafilitany any. Ka misy enga ndra ty pala ty kititsinareo, fa natota tamy Yaveh ie. ¹⁵Asondroto mihodidy androzy iaby ty korakoraky! Fa nitapala ndrozy; fa niravoky ty tilikambony; vorava ty mandany, fa zay ty valifatin'Yaveh. Mananova falifaty aminy eo! Le anovo manahaky ty nanoviny!¹⁶ Aravao ty mpamboly ze mamafy ty voa noho ze mampiasa ty meso fihaza amy ty fotoa fihaza a Babylona ao. Tokony himpoly amy ty mesobe ty mpanorohoro ho amy ty olony kiraikiraiky; engaho ndrozy himpoly amy ty taniny.¹⁷ Israely le aondry naparitaky noho noroasy ty liona. Ty mpanjakan'i Asyria ro namidabida azy velohany; tafaranizay, le notapahan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona taolany rey. ¹⁸Lafa zay zao ty volan'Yaveh Tompoa ty lako, azy Ndranaharin'Israely: "Ingo, nanasazy ty mpanjakan'i Babylona noho ty taniny Zaho, manahaky ty nanasaziako ty mpanjaka i Asyria.¹⁹ Hanampoly an'Israely amy ty tanindrazany any Zaho, hihina Karmela noho Bazana ie. Sady ho afa-po amy ty tany abon'i Efraima noho Gileada ie. ²⁰Amy zay andro zay noho amy zay fotoa zay, hoasan'yaveh, ho ila amy Israely ao ty hadisoa, fe tsy ho hita. Hanontany ty mikasiky ty fahotan'i Joda Zaho, fe tsy hahitaky, fa hanenga ty fahadisoa ty ilany sisa niferinesako Zaho."²¹ Mitsangana hanisy ty tanin'i Merataima, hanisy anizay noho ty mpipetraky a Pedoka. Engaho amy ty mesobe eo ndrozy le atokano hoahy ty faharava--- zay ty volan'Yaveh---anovo ze kila raha iaby nandiduiak anareo. ²²Amy tany ao ty fon'aly noho ty faharava bevata.²³ E ty nanapaha noho namoteha ty hanandesany ty tany iaby. Ee fa hanjary horohoro amy firenena eo i Babylona. ²⁴Nanengako fandrika iha le tratsy, ry Babylona, sady tsy nahay anizay iha! Tratsy noho voasambotsy iha, safe nanohitsy an'Yaveh.²⁵ Fa nanokatsy fipetraha ty fitaovam-pialiany Yaveh sady nandesiny niboaky ty fitaovam-pialia ho fanaboahany ty helony. Misy asa hoahy Yaveh Tompoa ty lako amy tany Kaldeana ao. ²⁶Saforo baka lavitsy ie. Vohao ty fagnajaria ty vokatsiny le akorontano manahaky ty vary lako ie. Avaho hoahy ty faharava ie. Ka enga hisy ambiny ty aminy.²⁷ Vono iaby ty aombilahiny. Ampijotso ho amy toera fandeta rey. Loza hoahindrozy,fa efa avy ty androny---le ty fotoa fanasazia anareo. ²⁸Nay ty feo ty filaisandrozy, le azy ilany tsy maty rey, baka amy ty tany babylona. Ndrozy rey ro hitao ty falifatin'Yaveh Ndranaharitsika ho a Ziona any, noho ty valifatiny hoahy ty fiangonany."²⁹ Kaiho ty mpitifitsy kititsy hanisy an'i Babylona--- azy ze manenja ty kititsiny. Mivoria hanisy azy, sady ka enga hisy hilay. Valio amy ze fa nanoviny ie. Anovo aminy manahaky ty fa nanoviny. Fa efa nanakiotsy an'Yaveh ie, le azy masy tiahy Israely iny. ³⁰Le ho maty amy ty zoron-tana ty mpamarakin'ny rey, sady amizay andro zay ho rava ty lahilahiny mpialy iaby rey--- zay ty volan'Yaveh."³¹ Ingo, manisy anao Zaho, ry mpirengirengy---zay ty volan'Yaveh Tompoa ty lako--- fa efa niavy ty andronao, ry mpirengirengy, le ty fotoa ze hamoizako anao. ³²Le toitsy noho hiravoky ty mpirengirengy rey. Tsy hisy hampitsanga androzy. Hampshirehitsy afo amy ty tanandrozy rey Zaho; handrava ty kila raha mihodidy azy iaby zay.³³ Zao ro volan' Yaveh Tompoa ty lako: Nampijalia ty olon'Israely, miaraky amy ty olon'i Joda. Mo nitanjaha ty nisambotsy azy iaby rey ndrozy; Tsy

nanenky ty hanenga androzy handeha rozy. ³⁴Mahery ty mpamonjy androzy rey. Yaveh Tompoa ty lako ro Anarany. Handahatsy ty amindrozy vatany Ie, mba handay fitsahara amy tany ao, sady handay koronta hoahy ty mpipetraky a Babylona. ³⁵Ty Mesobe rey le hahavao ty Kaldeana rey—zay ty volan'Yaveh—sady hahavao ty mpipetraky a Babylona, ty mpitarikiny rey, noho ty lahilahy hendriny. ³⁶Avy hanisy ty miaramilany ty mesobe, ka le ho atsiky havaka ndrozy. ³⁷Avy hanisy ty soavaliny, ty kalesany sdy ty olony iaby rey ze anivo i Babylona ty mesobe le hanjary manahaky ty ampela ndrozy. Avy hanisy ty trano fagnajaria ty mesobe, le ho voarava ndrozy. ³⁸Ho avy amy ty ranony ty fahaiky ty tany, le ho maiky rey. Fa ty tany ty sampy tsy misy ila azy ie, sady miasa manahaky ty olo tsy ampy say ty sampiny mampangarohar rey. ³⁹Le ty biby ty tany efitsy miaraky amy ty alika ly ro hipetraky any, sady ty aotrasta tanora ro hipetraky aminy eo. Fa amy ty fotoa iaby, le tsy hipetraha sasy ie. Zisiky amy ty tariha fara madimby, le tsy hipetraky aminy ao. ⁴⁰Le manahaky ty nandravan-Ndranahary an'i Sodoma noho Gomora noho t manodidy azy rey—zay ty volan'Yaveh—tsy hisy hipetraky ao; tsy hisy olo hijano aminy ao. ⁴¹Ingo, avy ty olo baka avaratsy any, hoahy ty firenena bevata noho ty mpanjaka lako fa nasondrotsy baka an-tany lavitsy any. ⁴²Hangalaky kititsy noho lefona ndrozy. Loza bevata ndrozy sady tsy miferinay. Manahaky ty firohadroha ty riaky ty feondrozy, sady mitikitsy soavaly milahatsy manahaky ty lahilahy mpialy, hanisy anareo ndrozy, ry anak'ampela i Babylona. ⁴³Nahare ty tatitsindrozy ty mpanjakan'i Babylona, le nalemy noho ty horohoro ty tanany. Nanisy azy manahaky ty ampela miteraky ty fijalia. ⁴⁴Ingo! Miakatsy manahaky ty liona baka anabon'i Jordana ho amy ty fipetraha ty akata maharitsy ie. Fa hampilaisiko malaky amizay ao ndrozy, sady hametraky olo notinginy hiamby anizay Zaho. Fa ia va eo manahaky Ahy, sady ia va ro hikaiky Ahy? Mpiaraky aondry manahaky ty manao akory ro hanohitsy Ahy? ⁴⁵Le janjino ary ty faniria ze nanovin'Yaveh hanisia an'i babylona, ty fikasa ze fa nalaminy hanisia ty tanin'i kaldeana rey. Le vatany habidabida ndrozy, eka fa ndra ty aondry kely mare aza. Hanjary toera rava ty tany fihinana'akatandrozy. ⁴⁶Amy ty feo ty faharesen'i Babylona le hihorohoro ty tany, sady re amy ty firenena rey ty korakim-pijalean-drozy."

Chapter 51

¹Zao ty volan'Yaveh: "Indo, handeha hampilay ty rivotsy mpandrava amy Babylona noho ze mipetraky a Leba-kamay ao Zaho. ²Handefa ty vahiny rey a Babylona any Zaho. hanaparitaky azy ndrozy sady handravarava ty taniny, fa ho avy hanohitsy azy baka amy ty manodidy iaby ndrozy amy ty andro ty loza. ³Ka enga handefa ty pala-kititsiny ty mpitifitsy kititsy, ka enga hanisy ty siky fiarovany ndrozy. Ka mitretrea ty mpamarakiny; avahany amy ty fandrava ty miaramilany iaby. ⁴Fa ty olo maratsy le hiravoky amy ty tanin'i Keldeana ao, azy ze novonoa rey le hiravoky amy ty lalany rey. ⁵Fa Israely noho Joda le tsy nafoan-Dranahariny, Yaveh Tompoa ty lako, ndra atsiky tsy fagnarahan-dala manohitsy ty masy tiahy Israely aza ty taniny. ⁶Milaisa anivon'i Babylona. Engaho samby hanavotsy ty vatany iaby ty olo kiraikiraiky. Tokony tsy rava anay ty fahadisoany. Fa zao ty fotoa hananovan'Yaveh ty valifaty. Honerany ho tiazy ty iaby amizay. ⁷Kapoaky volamena an-tana Yaveh eo i Babylona ze nahamamo zao tontolo zao; nino ty divainy ty fierenena rey le nanjary tsy ampy say. ⁸Hiravoky tampoky i Babylona sady ho rava. Mangataha ho tiazy! Ameo fanafoly amy ty fahararia ie; vasa ho janga ie. ⁹Nitiry ty hahajanga an'i babylona zahay, fa tsy janga ie. Tokony hanenga azy tsika iaby noho handeha lavitsy, ho amy tanitsika any. Fa mitakatsy lanitsy ty fahadisoany; mivangongo baka amy ty rahona eny zay. ¹⁰Fa nivola ty tsy fananatsika hakeo Yaveh. Avia, ndao tsika hivola amy Ziona amy ty asa Yaveh Ndranaharitsika. ¹¹Ranito ty paka kitiksy sady alao ty apinga. Yaveh le mitao ty mpanjaka i Medesa amy ty fikiniava handrava an'i Babylona. Zay le hoahy ty valifatin'Yaveh, famalia faty tamy ty fandrava ty fiangonany. ¹²Manondrota faneva anabo ty manda ty Babylona rey. Tovono ty fiaembena; manenga mpiamby; ataovo vono ty mpiamby; fa ho tanterahan'i TOMPO ze nivolaniny mikasiky ty mpipetraky a Babylona rey. ¹³Nareo olo ze mipetraky amoro ty rano rey; Nareo olo ze manan-kanagna raha sarotsy rey, avy ty fiafaranareo. Ty taly ty fiainareo le nahohezy henanzao. ¹⁴Nifanta tamy ty ainy iaby Yaveh Tompoa ty lako manao hozao: Ho atrehako fahavalonao nareo, manahaky ty fandrava ty valala; hila alin-koraky aminao ndrozy. ¹⁵Nanao ty tany amy ty alala fahefany Ie; nanenga ty tany tamy ty fitoerany ie noho ty fahendreany; tamy ty fahirata ty sainy ro namelaran'ny ty lanitra. ¹⁶Lafa mitserona Ie, le misy rano mieron'ny an-danitsy any, Fa manday ty zavo baka amy ty fara ty tany ie. Manao ty tselasy hoahy ty ora Ie sady manaboaky ty tsioky manafitsy amy ty trano fagnajaria rey. ¹⁷Nanjary donto iaby ty olo, tsy mana fahaiza. Mpanefy vy aby rey le ho menatsy noho ty sampiny rey. Fa verivery ty sarin-draha anidiny, sady tsy mify fiaina aminindrozy rey. ¹⁸Tsy ila ndrozy, asa ty tsy mpampisy dikany rey, ho maty ndrozy amy ty fotoa fanasazia azy. ¹⁹Fa Ndranahary, azy anjaran'i Jakoba iny, le tsy mba manahaky zay, fa Ie ro mpanao ty lika raha iaby. Israely ro foko a ty lovany; Yaveh Tompoa ty lako ro Anarany. ²⁰Fa Iha ro fitaovam-pialiako, langilangy amy ty aliko. Iha ro hanorotoroako ty firenena rey noho hamotehako ty fanjaka rey. ²¹Iha ro hanorotoroako ty soavaly noho ty mpitikititsy azy; miarak'ny Aminao ro hanorotoroako ty kalesa rey noho ty mpanday azy. ²²Iha ro hanorotoroako ty lahilahy noho ty ampela kiraikiraiky aiby; Iha ro hanorotoroako ty antitsy noho ty tanora. Noho iha ro hanorotoroako ty mpamaraky rey noho ty ampela tsy mahasaky lahy. ²³Miarak'ny aminao ro hanorotoroako ty mpiarak'ny aondry noho tyaondry ny aositany rey. Miarak'ny aminao ro hanorotoroako ty mpiasa tany noho ty taniny. Miarak'ny aminao ro hanorotoroako ty governora noho ty manam-boninahitsy. ²⁴Fa amasonao eo ro hamaliako an'i Babylona noho ty mpipetraky a Kaldea noho amy ty faharatia iaby ze nanovindrozy rey ta Ziona--- zay ty volan'Yaveh. ²⁵Ingo, manohitsy anao Zaho, ry vohitsy ty faharava--- zay ty volan'Yaveh--- ze mandrava ty tany iaby. Hanenja ty tanako hanohitsy ano Zaho sady hampiringaringa anao amy ty lavaky rey, sady hanoviko ho vohitsy mirehitra iha. ²⁶Le tsy hangalaky vato hanamboara zoron-trano noho fotitsy baka aminao ndrozy; fa hanjary faharava mandrakizay iha_ zay ty volan'Yaveh. ²⁷Manangana faneva heniky ty tany. tiofy heniky ty firenena ty anjomara. Kaihao ty firenena hanisy azy: Ararata, Miny le i Askenaza. Mitingina mpibeko hanisy azy; manandesa soavaly manahaky ty valala volosa. ²⁸Vono ty firenena hanisy azy rey: ty mpanjaka tiahy Mediana noho ty governorany rey, ty manam-boninahiny iaby noho ty ty tany iaby ze ambanny ty fahefany. ²⁹Fa hangorohoro noho ho agnaty ty fangirifiria ty tany, safe nitohy ty fikasa i Yaveh hanohitsy Babylona, mba hahavy ty tany i Babylona ho tany taolo le tsy misy mpipetraky. ³⁰Fa nijano tsy nialy ty miaramilan'i babylona rey; niegny tamy ty fiarova mare rey ndrozy. Lefy ty herimndrozy; nanjary ampela ndrozy--- mirehitsy ty tranondrozy, tampaky ty hily ty vavahadiny rey. ³¹Ty mpanday hafatsy nilay mba hivola ty hafatsy amy ty mpanday hafatsy raiky hafa, sady ty mmpilay raiky nivola amy ty mpilay raiky hafa mba hitatitsy amy ty mpanjaka tiahy babylona any fa ty tana toy le fa voasambotsy zisiky amy ty farany. ³²Le azo ty fiampita anabo ty rano, mandoro ty volotara rey amy ty afo miheniheny ty vahavalo rey, le very hevitsy ty lahilahy mpialy tiahy Babylona rey. ³³Fa Yaveh Tompa ty lako, Ndranaharin'Israely, ro nivola naizay: Manahaky ty famoloka ty anakampela i babylona. Fotoa hanitsaha azy zao. Ho avy aminy anay ty fotoa fohy ty fotoam-pijalea. ³⁴Notranahin'i Nebokadnezzara mpanjakan'i Babylona zaho; nanday ahy amy ty fahaverezan-tsay ie. Sady nanoviny manahaky ty valany foa zaho, nitely ahy

manahaky ty biby bevata biby ie; nanatsiky ty tsarotsiny tamy ty hanisoako ie; nandroaky ahy ie. ³⁵Ze mipetraky a Ziona ao hivola hozao: "Engaho ty heriloha nanivy tamiko noho ty nofitsiko ho amy Babylona." Le hoasa i Jerosalema: " Engaho ho amy ty mpipetraky a Kaldea ty lioko." ³⁶Le zao ty volan'Yaveh: " Handeha hisolo vava anao Zaho sady handay favifaly ho ahinao. Fa ro sitako ty rano tiahy Babylona sady hanamaiky ty loharano Zaho. ³⁷Fa hanjary korotan-bato i Babylona, lavaka fivonia ty alika ly, horohoro, raha mampifiopioky, zay tsy misy mpipetraky. ³⁸Hierotsy miaraky manahaky ty liona tanora ty Babyloniana rey. Hierotsy manahaky ty anak'aliona ie. Laha manjary tea drala lako mare ndrozy, hanao ³⁹fihinana lako hoahindrozy rey Zaho, mamoko ndrozy ka ho faly sady hiroro anay ty torimaso tsy mety tampintsy le tsy hifoha sasy---zay ty volan'Yaveh--- ⁴⁰Ho alefako hijotso amy ty fandeta amanahaky ty anak'aondry, manahaky ty aomby noho ty aondry miaraky amy ty aosy ndrozy. ⁴¹Ee ty nahazahoany an'i babylona! Le azo ty fanompoa ty kila iaby. Eee fa nanjary toerana haolo amy ty firenena rey i babylona. ⁴²Miakatsy heniky an'i babylona ty riaky! Voasaro ty onja miero rey ie. ⁴³Nanjary faharavana ty tanany rey, tany maiky noho efitsy, tany tsy misy mpipetraky, sady tsy handriova ndra olo raiky aza. ⁴⁴Ka ho saziako a Babylona ao i Bela; Handesiko hiboaka ty avavny ze nateliny sady firenena rey le tsy handeha aminy miaraky amy ty fandain-drozy. Horava ty manda ty Babylona. ⁴⁵Miboaha anivony eo, ry oloko. Tokony samby hanavotsy ty vatany kiraikiraiky amy ty siakany ty heloko. ⁴⁶Ka enga ho menatsy ty foanareo ndra havaka ty vaovao ze re amy azy tany zay ao, fa ho amy ty tao raiky ty vaovao rey. Afaran'izay amy ty tao manaraky avao koa le hisy vaovao. le ty heriloha le ho amy ty tany ao. Mpanapaky hanohitsy mpanampaky. ⁴⁷Le, ingo, avy ty andro ze hanasaziako ty sampy voasokitsy Babylona rey. Ho menatsy ty taniny iaby, sady ty fatiny iaby le hiravoky anivny eo. ⁴⁸Sady ty lanitsy noho ty tany, sady ze kila raha amindrozy rey le hifaly amy Babylona. Fa hoavy aminy baka avaratsy any ty mpandrava---zay ty volan'Yaveh. " ⁴⁹Manahaky ty nampiravohan'i Babylona ty Israely voavono, ro hiravoha ty novoa tamy ty kila tany iaby ta Babylona. ⁵⁰Ry sisa velo amy ty mesobe, mandina! Ka niegnny. Tiarovo baka lavitsy eny Yaveh; tokony ho tsara i Jerosalema. ⁵¹Menatsy zahahy, fa nahare safa maloto; nanatsiky ty tarehinay ty heloky, fa nilitsy tamy ty fitoera Masy ty trano tiahy yaveh vahiny rey. ⁵²Le, ingo, avy ty andro--- zay ty volan'Yaveh---ze hanasaziako ty samby voasikotsiny, le halahelo amy ty kila taniny iaby ty olo maratsy. ⁵³Fa ndra miakatsy amy ty lanitsy aza i Babylona ndra manafy ty firaova mare anabo mare aza ie, le ho aminy ty mpandava baka amiko rey---zay ty volan'yaveh. ⁵⁴Ty horakim-pijalea le baka a Babylona any, fandrava bevata baka amy ty Kaldeana rey. ⁵⁵Fa Yaveh le mandrava an'i Babylona. Ie ro mampiegnny ty fikorakoraha mare. Mierotsy manahaky ty onan-drano ty vahavalony rey; mihamare ty korakorakiny. ⁵⁶Fa avy hanohitsy azy ty mpandrava--- manohitsy an'i Babylona--- sady ty lahilahy mpialiny lefa noasambotsy. Tampaka ty kititsiny rey, fa Yaveh ro Ndranahary ty famalia; fa handay anizay famalia zay vatany Ie. ⁵⁷Fa ho mamoko ty mpanjakany, olon-kendriny rey, mana-boninahitsiny rey sady ty miaramilany rey, le hiroro anay ty torimaso tsy misy fiafara ndrozy le tsy hifoha sasy--- zay ty volan'yaveh: Yavhe Tompoa ty lako ro Anarany. ⁵⁸Yaveh Tompoa ty lako ro mivola hozao: "Le vatany jho rava tanteraky ty mandan'i babylona sady horoa ty vavahadiny abo rey. Le ty olo ze avy hanampy azy rey le ho vozaky; ty kila raha iaby ze ezaha ty firenena rey atao ho tiazy le horoa." ⁵⁹Zao ty safa ze nandidian'i Jeremia mpaminany an'i Seraia anakilahin'i Neria anakilahin'i Mahaseia lafa nandeha ho a Babylona any ie niaraky tamin'i Zedekia mpanjakan'i Joda tamy ty faha efaatsy ty tao nanjakany. Le nanjary ho be ty manam-boninahitsy i Seraia. ⁶⁰Fa efa nanoratsy ty loza iaby ho avy Babylona ie tanay ty horonan-taratasy i Jeremia--- ty safa iaby ze voasoratsy ty momba i Babylona rey. ⁶¹Nivola tamy Seraia i Jeremia manao hozao: "lafa mandeha a Babylona any iha, le hahita noho hamaky mare ty safa rey. ⁶²Le hivola hozao iha: " Yaveh, Iha mihintsy ro nanambara fa ho ravanao ty toera toy, sady tsy hisy olo ndra biby hiahy aminy ao, sady le ho rava mandrakizay ie. ⁶³Lafa vitanao ty famakia ty horonan-taratasy io, le afeheo amy ty vato zay le atoraho anivo ty Eofrata eo. ⁶⁴Volano hoazao: " Ho hilentiky manahaky zay i Babylona. Tsy ho tafatsanga ie noho ty loza ze alefako hanihitsy azy, le hiravoky ie." Tapitsy eto ty safa i Jeremia.

Chapter 52

¹Roapolo raiky amby tao i Zedekia lafa nanomboky nanjaka; nanjaka folo raikmby tao ta Jerosalema ie. Hamotala ty anara ty reniny; ie le anakampela i Jeremia baka a Libna. ²Nanao ze raty ta imason'Yaveh teo ie.; nanao ze kila raha iaby ze nanovin'i Joikama ie. ³Tamy ty helon'yaveh, ro nidranga ty kila raha iaby rey ta Jerosalema noho i Joda, zisiky ty handroahany androzy rey tsy ho alohany eo sady nialy taminy ty mpanjaka i babylona i Zedekia. ⁴Le tamy ty tao faha sivy nanjakan'i Zedekia mpanjaka, tamy ty vola faha folo, sady tamy ty andro faha folo ty vola, le niavy niaraky tamy miaramila i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona mba hanohitsy an'i Jerosalema. Nivory tanilan'izay ndrozy, sady namboatsy tilikambo nanodidy anizay. ⁵Le najary harikatoky ty tana baka amy ty faha folo raiky amby ty nanjakan'i Zedekia mpanjaka. ⁶Tamy ty fahefatsy, ty vola tamy ty faha sivy ty andro tamy ty tao zay, le nironngatsy tan-tana tao ty mosary fa tsy nisy hanny hoahy ty mpipetraky amy ty tany. ⁷Le rava ty tana, sady ty lahilahy mpialy iaby le nilay noho niboaky amy ty tana ty haly tamy vavahady teo ze tanelanela ty rindry roe, tanila ty jaridaina ty mpanjaka, ndra nihodidy ty tana aza ty Kadeana rey. Le nandeha mba Araba any ndrozy. ⁸Kanefa nagnia ty mpanjaka ty miaramila i Kaldeana le nahatratsy an'i Zedekia tamy ty tany maiky ty baibo ty rano i Jordana ze tanila i Jeriko. naporitaky niala tamy ty miaramilany iaby. ⁹Nosamborindrozy rey ty mpanjaka le nandesiny niakatsy tamy mpanjaka i babylona ta Ribla tany tamy tany Hamata tao, ze nitsara azy. ¹⁰Namono ty anakilahin'i Zedekia tamasony teo ty mpanjaka tiahy Babylona, le ta Ribla le namono ty mpitariky Joda iaby avao koa ie. ¹¹Sady napotany ty mason'i Zedekia, le nifatora tamy ty seny saba ie, sady nandesy ta Babylona any. nalefa ty mpanjak ai babylona tam-pigadra ie zisiky mahavaty azy. ¹²Le tamy ty faha limy ty vola, tamy ty andro faha folo ty vola, ze faha folo sivy amby tao nanjakan'i Nebokadnezara mpanjaka, mpanjakan'i babylona, le niavy ta jerosalema i Nebozaradana. Ie ro mpifehy ty mpiamby y mpanjaka rey say mpanompo ty mpanjaka i babylona. ¹³Nandoro ty trano tiahy Yaveh, ty lapa ty mpanjaka noho ty trano ty Jerosalema iaby ie; sady noroany avao koa ty trano bevata manan-danja iaby. ¹⁴Laha amy ty manda manodidy tiahy Jerosalema, le fa nandrava azy ty miaramila i Babyloniana iaby ze niaraky tamy ty mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka. ¹⁵Laha amy ty olo mijaly mare, ty olo sisa tavela tan-tana ao rey, ze fa nilay hoamy mpanjaka i babylona rey, sady ty sisa amy ty mpanao asa tana rey_ le Nedorarada, azy mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka ho azo sambotsy ty ilany tamindrozy rey. ¹⁶Fa i Nebozaradana, azy mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka iny, nanenga ty ilany tamy ty mijaly mare amy azy tany iny mba hiasa ty tanim-boaloboky noho ty baibo. ¹⁷Laha ty amy tsatoky saba rey ze ahity trano Yaveh, noho ty fipetraha ty tavin-drano sady ty tavin-drano saba ze amy ty trano Yaveh, le nopeteha ty Kaldeana rey sady nandesiny nimpoly ta Babylona iaby ty saba iaby. ¹⁸Ty valany rey, fangaly, fanaovan-jiro, finga, sady ty kojakoja vita baka amy ty saba ze nanompoa ty mpisoro tam-piangona — le nandesy ty Kaldeana iaby. ¹⁹Ty tavy fananova lavenon-jiro noho fandoroa ditin-kazo manitsy, finga rey, valany rey, fipetrahan-jiro rey, lasira rey, ty tavin-drano ze vita baka amy ty volamena, noho vta baka amy ty volafoty— le nandesy ty mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka avao koa. ²⁰Ty andry roe, ty tavindrano, sady ty aomby saba ze tambany ty fipetraha ty tavin-drano, raha ze namboarin'i Salomona ho ahy ty tranon'Yaveh, le atsiky saba lakolako ze nisinisy lanjany avao. ²¹Andry rey le samby folo vlalo amby hakiho iaby ty hahabony, sady ty tsipiky mihididy azy rey le mirefy folo valo amby hakiho. Samby tondro efatsy ty hateviny sady samby kafaoly. ²²Kapitaly saba ro tanabon'izay. Hakiho limy ty hahabon'iazzy kapitaly iany, miaraky amy ty harato noho y apongaben-danitsy manodidy azy. Vita baka amy saba iaby zay. Azy andry raiky hafa noho ty apongabendaniny le mifanahaky am'iazzy raiky velohany iany avao. ²³Le apongabendanitsy sivampolo eninanby lafa zay ro tanila ty kapitaly teo, sady apongaben-danitsy zato ro tanabo ty harato mihodidy. ²⁴Azy mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka le nisambotsy an'i Seraia, azy mpisorona be, niaraky tamy Zefania, azy mpisoro faharoe iny, sady ty mpiamby ty vavahady telo. ²⁵Tan-tana tao ro nisambora ty manam-boninahitsy raiky ze niandraikitsy ty miaramila noho ty lahilahy fito tamy ty ze nanatoro hevisy ty mpanjaka, ze mbo tan-tana. Nisambotsy ty manam-boninahitsy ty miaramila ty mpanjaka ze mpanorafitsy ty miaramila, niaraky tamy olo manam-boninahitsy enim-polo baka amy ty tany ze tan-tana tao avao koa ie. ²⁶Le nalay i Nebozaradana azy mpifehy ty mpiamby iny, mpanjaka ndrozy le nandesiny tamy ty mpanjaka tiahy babylona ta Ribla tany. ²⁷Novonoa ty mpanjaka tiahy babylona ta Ribla tany tamy tany tiahy Hamata ndrozy. Tamy fomba zay, ro nanandesana an'i Joda ho gadra niala tamy ty taniny tao. ²⁸retia ty olo ze nogadra i Nebokadnezara: tamy faha fito tao, Joisy 3.023. ²⁹Tamy ty faha folo valo amby ty tao nanjakan'i Nebokadnezara le nangalaky olo 832 baka Jerosalema ie. ³⁰Tamy ty faha roapolo teo amby tao nanjakan'i Nebokadnezara, le nampigadra olon'i Jiosy 745 i Nebozaradana, azy mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka. Miisa 4600 ty fitambara ty gadra iaby. ³¹Le tamy ty faha roapolo limy amby ty vola, tamy ty faha folo roa amby ty vola tamy ty fara ty tao faha telopolo fito amby nahagadra an'i Joiakina mpanjaka i Joda tampigadra i Evila-merodaka, mpanjakan'i Babylona. Tamy ty fotoa nanombohan'i Evila-Merodaka nanjaka ro niboahan'izay.

³²Niresaky tamy ty fahatsora taminy ie sady nanome azy toera anabo mandilatsy ty mpanjaka hafa ze niaraky taminy ta Babylona. ³³Nanapotaky ty sikiny maha gadra an'i Joiakina i Evila- marodaka, sady nieny nihina tantatabo ty mpanjaka tamy ty sisa ty andro nivelomany i Joiakina, ³⁴sady namea hany ara-dala saky sanadri ie tamy ty andro sisa ivelomany zisiky mahafaty azy.

Lamentations

Chapter 1

¹Tanà ze atsiky olo tamy zay le mipetsaky raiky amy zao. Nanjary manahaky ty mpanday-vata ie, na le firenea nahery aza. Ie ro mpanjak'ampela tamy firenea rey teo, fe niforiseva ho amy ty fanandevoza amy zao. ²Mitany noho midanadana ie amy ty haliky, sady mandrakotsy ty fifiny ranomasony rey. Tsy nisy tamy rey tea azy mba nampieny azy. Namaliky azy ty namany iaby. Nanjary fahavalony ndrozy. ³Tafara ty fijalea noho fahoria, le nalefa ho sesin-tany i Joda. Miay amy firenea rey ie sady tsy mahita fijanona. Mpania azy iaby rey le nahatratsy azy tamy ty halagininy. ⁴Misaona lala Ziona rey safe tsy misy ndra raiky aza avy amy fanasa voatondro rey. Lao ty varavarany iaby. Miay mpisorony rey. malahelo maré ajam-pela tsy mahasaky lahy rey sady ie vatany ro anay ty alahelo ao tanteraky. ⁵Nanjary tompony fahavalony rey; niroborobo fahavalony rey. Nampijalea Yaveh ie noho fahotany lako rey. Anany kelikely rey ro lasan-ko tea amy ty fahavalony any. ⁶Niala tamy ty anak'ampela Ziona ty hasoa-tarehy. Nanjary manahaky ty serfa ze tsy mahita anaky mpanjakany rey, sady mandeha tsy misy hery aloha ty mpania azy eo ndrozy. ⁷Amy androm-pijaliako noho ty tsy hananany fialofa, le hahatiaro hanana sarotsy iaby rey ze nananany tamy ty androny fa ela i Jerosalema. Lafa lavo tan-tana fahavalony rey ty olony, le tsy nisy fahavalony sady nihehy tamy ty faharavany. ⁸Nanota bevata Jerosalema, noho zay, le nalam-baraka manahaky ty raha maloto ie. Iaby rey nanome voninahitsy azy le manao tsinotsino azy amy zao zisiky nahitan-drozy ty fitanjahany. Miay ie sady miezaky miodiky. ⁹Avy naloto tambany zipony ao ie. Tsy nidiniky ty ho aviny ie. mandaginy ty filavoany. Tsy nisy ndra ino ndra ino nankahery azy. Nitoreo ie hozao: "Henteo ty fijaleako, Yaveh, fa nanjary tena bevata ty fahavaloko. ¹⁰Nampipetsaky ty tanany tamy hanana sarotsy iaby ty fahavalo rey. Fa nahita firenea nilitsy tamy ty fitoera masiny ao ie, ndra ro fa nibekoanao tsy hilitsy amy ty toera ty fiangona ao aza ndrozy. ¹¹Miay iaby olony iaby rey laha nila mofo ndrozy. Natakalo mofo hanana sarotsy rey mba hampimpoly ty ain-drozy. Henteo, Yaveh, ka le diniho zaho, safe avy raha-tsy misy zaho. ¹²Tsy misy dikany aminareo va, nareo iaby ze mandalo? Henteo ka le ao ho hitanao laha misy alahelon'olo manahaky ty alahelo ze mahazo amiko, nanomboky nampijalea Yaveh ahy tamy ty andro ty hasiaky ty helokin'ny. ¹³Baka amy ty abo ro nandefasany ty afo tamy taolako rey, sady nahazo azy zay. Namelatsy harato ho ahy ty tomboko Ie sady nampimpoly ahy. Nanoviny lao noho vozaky avao zaho. ¹⁴Ty zioga tsy fanarahan-dala ro niaraky nafehiny tamy ty alala ty tanany. Nampifandrambesiny rey sady napetsakiny tan-tsoroko teo. Nandavo ty heriko ie. Namea ty Tompo ho an-tanandrozy eo zaho, ka le tsy tafatsanga. ¹⁵Nampisavoritaky lahilahy maheriko rey ze niaro ahy ty Tompo. Fa nikaiky ty fiangona hanohitsy ahy ie mba hampipotiky lahilahiko matanjaky rey. Nanitsakitsaky ty anak'ampela tsy mahasaky lahy Joda tamy ty fanafiazam-boloboky ao ty Tompo. ¹⁶Mitany zaho noho raha rey. Ty masoko, mirotsaky amy ty masoko ty rano safe lavitsy ahy mpanjaka mahery ze tokony hampihena ty fiaiko rey. Lao anako rey safe nandresy ty fahavalo. ¹⁷Namelatsy ty tanany i Ziona; tsy nisy ndra ia ndra ia nankahery azy. Nibeko Yaveh fa ze miodidy an'i Jakoba rey le tokony ho fahavalony. Raha-maloto amin-drozy i Jerosalema. ¹⁸Marina Yaveh, fa zaho ro niharo hanohitsy ty liliny. Mijanina, nareo olo iaby, sady henteo ty alaheloko. Lasan-ko tea ajam-pelako tsy mahasaky lahy rey noho olo-maheriko rey. ¹⁹Mikaiky namako rey zaho, nefa namitaky ahy ndrozy. Maty tan-tanà ao mpisoroko rey noho olo-bevatako rey, laha nila hany hampoly ty ain-drozy. ²⁰Ingo, Yaveh, fa anay ty alahelo ao zaho, sady mangotsokyty vavoniko, torotoro anaiko ao ty foko, safe tena niharo vatany zaho. Eka ambaliky, le mampijaly ty reny ty meso bevata, tsy misy lafa-tsy fahafatesa an-tsano ao. ²¹Naharé ty fitoreoko ndrozy, nefa tsy nisy nampahery ahy. Naharé ty fijaliako fahavaloko iaby rey sady faly ndrozy fa vitanao zay. Fa nanday ty andro nampanantenako Iha; sady enganie ndrozy hanjary hanahaky ahy amy zao. ²²Engaho ty haratian-drozy iaby ho avy alohanao eo. Anovo manahaky ty nananovanao ahy noho fahotako iaby rey ndrozy. Lako ty fitorevako ka le vozaky ty foko.

Chapter 2

¹Nanaro ty anak'ampela Ziona tambany ty lanitsy ao ty heloky ty Tompo. Nariany baka an-danitsy any tany ty tany ty famirapiratsin'Israely. Tsy nahatiaro ty fitoera-tombokiny Ie tany ty andro ty helokiny. ²Fa nitely noho tsy nana kaiky tany ty tanà Jakoba iaby ty Tompo. Tany ty andro ty helokiny ro nandravany tanà mivala ty anak'ampela Joda rey; tany ty fanalam-baraka ro nandavo ty fanjaka noho mpanapakiny rey tany ty tany. ³Tany ty heloky maré ro nanapahany ty tsifan'Israely iaby. Nalàny taloha ty fahavalony eo ty tanany ankavana. Nioroany manahaky ty afo mirebareba ze mandrapaky ty raha-iaby miodidy azy i Jakoba. ⁴Manahaky ty fahavalo ro nanenjanany ty kititsiny tamintsika, vonona ty hanehitsy ty ankavanany. Nivonoany iaby ze tena nankasitsaky Azy rey tany ty lay ty anak'ampela Ziona rey; narotsakiny manahaky ty afo ty helokiny. ⁵Nanjary manahaky ty fahavalo ty Tompo. Nateliny Israely. Nateliny iaby ty lapany iaby. Fa niravany fiarovany mahery rey. Nampitomboany ty fisaona noho ty fitomania tany ty anak'ampela Joda teo. ⁶Namango ty tabernakely manahaky ty tsano boka an-jariday Ie. Niravany ty fitoera ty fiangona mihetsiketsiky. Fa nampanalino ty fiangona mahetsiketsiky noho ty Sabata ta Ziona ao i Yaveh, fa nanoviny tsinotsino tany ty tsy fienana ty helokiny ty mpanjaka noho y mpisoro. ⁷Nanary ty alitara ty Tompo sady nandà ty fipetrahany masy. Nameany tan-tana ty fahavalo ty vala lapany rey. Nanondrotsy koraky tan-tsano Yaveh ao, manahaky ty amy ty androm-panasa voatondro ndrozy. ⁸Nanapa-kevitsy ty hanimba ty mandany ty tanà ty anak'ampela Ziona i Yaveh. Nenjaniny ty taly fametara sady tsy nitandraky ty tanany tsy handrava ty manda Ie. Nampitany ty tovon-tany noho ty vala Ie; niaraky-nirobaky rey. ⁹Nilavo tany ty tany varavarany rey; narobaky noho nivakiny ty hily varavarany rey. Ty mpanjakany noho mpanjakany ro tany firenea rey, tsy nisy sasy ty lalà tsy nahita fahita baka amy Yaveh mpaminany rey. ¹⁰Nipetsaky tany tsy fivolana tany ty tany olo-bevata ty anak'ampela Ziona rey. Nanoraky lemboky tan-dohany teo ndrozy sady nanao siky fisaona. Nampiondriky ty lohany tany ty tany ajam-pela tsy mahasaky lahy Jerosalema rey. ¹¹Jiky ty ranomasoko baka aminy ty masoko rey; manehitsy ty vavoniko; nilatsaky tany ty tany ty rano anaiko noho ty fandrava ty anak'ampela ty oloko, ty firengirengy aka rey noho ty aja amy lala ty tanà rey eny. ¹²Hoasan-drozy amy ty reniny: "Aia ty vary noho ty divay?" laha vozaky manahaky ty olo mandratsy amy ty lala ty tanà ndrozy eny, nilatsakytan-tsatsa reniny eny ty aindrozy. ¹³Ino ro azoko volany aminao, anak'ampela Jerosalema? Amin'ino ro ampitoviziko, mba hafahako mampieny anao, anak'ampela tsy mahasiky lahy i Ziona? Ty ratsinao le bevata manahaky ty riaky. Ia ro afaky hanafaky anao? ¹⁴Fa nahita fahita diso noho tsy maeava ho ahy nao olo to-resakinao rey. Tsy nampisehoseho ty helokiko mba hampolinao ty hanananao ndrozy, fa nanome safa diso noho mamitaky ho ahy nao ndrozy. ¹⁵Ze iaby mandalo an-dala eny rey le mitehaky-tana anao. Misitsisitsy noho mikopakopan-doha amy ty anak'ampela i Jerosalema ndrozy sady mivola hozao: "Fa tsy toy va tanà ze nikaihin-drozy hozao: 'hasoa avy tampoky iny,' 'Azy fifalea ho ahy ty tany iaby iny'?" ¹⁶Mamoha-vava noho mikizaky anao ty fahavalonao iaby. Manao hehy mikizaky noho mihily vava ndrozy sady mivola hozao: "Fa natelinay ie! Toy fotoa fa nandinasanay iny! Niay mba hanenty zay zahay!" ¹⁷Nanovy Yaveh ze raha tokony hanoviny. Nanantanteraky ty vatany Ie. Niravany ray nisy jaly iha. fa nanome alala ty fahavalo mba hifaly aminao eo Ie; nasondrony ty tsifa fahavalonao rey. ¹⁸Nitoreo tany ty Tompo ty fon-drozy, le mandany anak'ampela i Ziona rey! Arotsahomanahaky ty renirano andro noho ty haly ty ranomasonao. Mba ka manome fijanona ho ahy ty vatanao, fijanona ho ahy ty masonao. ¹⁹Mifohaza, mangataha amy ty haly, le amy ty fanomboha ty fiembena haly! Araraho manahaky ty rano anila ty tarehy ty Tompo eo ty fonao. Asondroto ho Azy ty tananao ho ahy ty ay ananao ze vozaky ty hamosary rey amy sisin-dala eo iaby. ²⁰Hentao, Yaveh, ka le diniho ze nanao fomba rey zay. Moa va tokony hihina ty naboaky ty sarotsoko ampela rey, le anaky ze nikarakarany rey? Moa va tokony ho vonoa amy ty fipetsaha masy ao ty Tompo ty mpisoro noho ty mpaminany? ²¹Samby miroro amy ty lemboky rey eo lala ty tanora noho ty antitsy. Lavo ty meso bevata somondrarako rey noho pamarakiko rey; nivonoanao ray misy jaly ndrozy. ²²Nikaihinao, manahaky ty nikaihanao ty olo ho amy ty andro fifalefalea, niodidy ahy iaby ty horohoroko, tany ty andro ty heloky Yaveh le tsy nisy afaky nilay na tafaboaky velo; ze fa nikarakarako rey noho nitezako, le naravako ty fahavaloko.

Chapter 3

¹Zaho ro olo ze nahita fijalea tambany ty tapakazo ty heloky Yaveh eo. ²Nitarihany noho nampandehanany tamy ty maiky zaho fa tsy tamy ty mazava. ³Azo antoky fa namaliky ty tanany hanohitsy ahy avao Ie, anay ty ndraik'andro. ⁴Nanoviny malazo ty nofotsiko noho ty holitsiko; nitapahany taolako rey. ⁵Nananga lalan-drano hanohitsy ahy Ie, sady nivalany raha-mangily noho raha-sarotsy zaho. ⁶Nampipetsaky ahy tamy toera maiky rey ao, manahaky ze fa maty fa ela rey Ie. ⁷Nananga vala niodidy ahy Ie ka le tsy afaky niala Zaho. Nanoviny mavesatsy rojoko rey ⁸sady na le mikaiky maré noho mikaiky hazolava aza zaho, le ampantsitsininy ty vavako. ⁹Nibahanany tamy ty vala vita tamy ty vato voapaiky ty lalako; nanoviny ho meloky ty lalako. ¹⁰Manahaky ty Bera mandiny hanafiky ahy tampoky Ie, liona amy ty famoniany ao; ¹¹naviliny ty lalako, nanoviny nipetsaky raiky zaho. ¹²Nanampatsy ty kititsiny Ie sady nampipetsaky ahy manahaky ty kendry ty anaky kititsy. ¹³Nandrava ty voalo tamy anaky kititsy rey tamy ty fitoera zao ao Ie. ¹⁴Nanjary tahirim-pihomeheza ho ahy ty oloko iaby zaho, raha ty fikizahan-drozy ndraiky andro. ¹⁵Nifenoany tsy fivolana zaho sady niforisevany hino raha-mahafaty. ¹⁶Nitorotoroiny tamy ty tsilam-bato ty hiko; nikaihiny tanay lemboky ao zaho. ¹⁷Nalany tamy ty fiadana ty fanahiko; halinoko ty atao hoe hafalea. ¹⁸Ka le hoasako hozao: "Rava ty haelako sady manahaky zay koa ty fanantenako amy Yaveh. ¹⁹Tiarovo ty fijaleako noho ty firiorioko, raha-mahafaty iny noho raha-mangily iny. ²⁰Tiaroko avao zay sady miondriky anaiko ao zaho. ²¹Fa tiaroko zay ka le mana fanantena zaho. ²²Ty fitea tsy miova Yaveh ro tsy misy fijanona sady tsy misy fitaperany ty fangoram-pony, ²³vaovao isaky maray rey; bevata ty fatokisako. ²⁴"Yaveh ro lovako," hoasako, laha zay le hanantena Azy zaho. ²⁵Yaveh le soa ho ahy ze mandiny Azy rey, ho ahy ze mila Azy. ²⁶Soa ty mandiny amy ty tsy fivolana ty famonjea Yaveh. ²⁷Soa ho ahy ty olo ty handaisany ty zioga tamy ty fahatanorany. ²⁸Engaho ie hipetsaky raiky amy tsy fivolanany, Lara apetsaky aminy eo zay. ²⁹Engaho ie hampipetsaky ty vavany amy ty lemboky eny---vasa hisy ty fanantena. ³⁰Enganie ie hanome ty fifiny ze mamango azy, sady ao ho feno fahafaham-baraka ie. ³¹Fa tsy handà antsika mandrakizay ty Tompo, ³²fa na le mahavy alahelo aza Ie, le hana fangoraham-po manahaky ty halakoa ty fitiava tsy mivaliky. ³³Safe tsy mampahory ty am-pony ao na mampijaly anak'olombelo rey Ie. ³⁴Ty manitsakitsaky gadra iaby rey an-tany eto, ³⁵ty vala ty rariny ho ahy ty olo anila azy Abo Bibiky iny eo, ³⁶ty vala ty rariny ho ahy ty olo raiky---le tsy eke ty Tompo ty raha manahaky zay! ³⁷Ia ro nivola ka le nitsanga zay, laha tsy hozao nanenky zay Yaveh? ³⁸Moa tsy baka amy ty vava azy Abo Bibiky iny va ro hiavia loza rey noho ty soa? ³⁹Nanino ro nitoreo ty olo velo iaby? Nanino ro hafaha ty olo mitoreo mikasiky ty sazy fahotany rey? ⁴⁰Andao tsika handiniky lalantsika rey sady hitsapa androzy, sady andao tsika himpoly amy Yaveh any. ⁴¹Andao tsika hanondro ty fontsika noho ty tanantsika amin-Janahary an-danitsy any hozao: ⁴²"Nandika noho niharo zahay, sady tsy nanenga heloky Iha. ⁴³Nandrakotsy ty vatanao tamy ty heloky Iha sady nania anay, namono Iha sady tsy namalo fo. ⁴⁴Nandrakotsy ty vatanao tamy ty raho Iha mba tsy hisy vavaky afaky ho tafilitsy. ⁴⁵Nanovinao manahaky ty lo maloto noho tsy nenkeany tamy firenea rey eo zahay. ⁴⁶Manozo anay fahavalonay iaby rey, ⁴⁷avy taminay ty tahotsy noho ty fandriky, ty faharava noho fahatoroa. ⁴⁸Mirotsaky ranomaso masoli rey safe rava ty oloko. ⁴⁹Handrotsaky ranomaso tsy misy fijanona, tsy misy fienena masoko rey, ⁵⁰zisiky hanenteany ambany ka le hahita baka an-danitsy eny Yaveh. ⁵¹Miteraky alahelo ho ahy ty masoko noho anak'ampela ty tanàko iaby rey. ⁵²Nihaza fahavaloko rey manahaky ty voro zaho; nihazan-drozy tamy ty tsy misy dikany zaho. ⁵³Natorakin-drozy tansy lavaky ao zaho sady nitorahan-drozy vato, ⁵⁴sady niraraha rano ty lohako. Hoasako hoe: "ho maty zaho!" ⁵⁵Nikaiky ty anaranao, bakeo amy ty halaliky ty lavaky zaho, Yaveh. ⁵⁶Renaosy feoko lafa nivola zaho hozao: "Mba ka tampena ty sofinao amy ty maiky hazolavako." ⁵⁷Nanariny Iha tamy ty andro nikaihako Anao; hoasanao ho zao: "Mba ka matahotsy." ⁵⁸Tompo ô, niaro ty aliko Iha, nanarombaky ty aiko Iha! ⁵⁹Yaveh, hitanao ty raty nanovin-drozy tamiko; tsarao ty liako. ⁶⁰Hitanao ty fandratin-drozy, ty tetiky-daty iaby nanovin-drozy tamiko--- ⁶¹renao ty latsan-drozy, Yaveh, noho ty tetikyn-drozy iaby tamiko. ⁶²Ty sony ze mitsanga manohitsy ahy rey, noho ty raha mahazo-drozy, le avy anay ty andro lako. ⁶³Hentao ty fomba fipetsakin-drozy noho nitsanganany bakaeo ; mikizaky ahy amy ty hirany ndrozy. ⁶⁴Valio manahaky ty nanoviny ndrozy, Yaveh. ⁶⁵Hanovinao tsy menatsy ty fon-drozy! Ho amin-drozy eo lahy ty helokinao! ⁶⁶Mania androzy Amin-k3loky Iha sady mamotiky androzy baka ambany ty lanitsy ao, Yaveh!

Chapter 4

¹Fa nanjary maloto ty volamena; henteo ty fiova ty volamena malio bibiky! Vato masy rey le niparitaky tan-tsisin-dala eny iaby. ²Anany sarotsy Ziona rey le maeva ty lanjan-drozy amy ty volamena malio, fa amy zao ndrozy le tsy maeva noho sihoa tanimanga rey, asa-tana mpanefy tanimanga rey ndrozy! ³Ndra ty alika taloha aza manome ty tsatsany mba hampinonoa anany rey, nefa ty anak'ampela ty oloko ro fa nanjary loza-bevata, manahaky ty ostritsa amy ty tany ambaliky any. ⁴Ty lela ty aja minono to mipitiky amy ty lanilaniny noho ty hetaheta; mangataky hany ty aja, fe tsy misy ho androzy. ⁵Ze nihina hany sarotsy vily amy zao rey le mosaré an-dala eny; ze niteza nisiky akanjo voloparasy rey, le miroro amy ty fako miparitaky amy zao eny. ⁶Ty fanasazia ty anak'ampela ty oloko ro bevata noho ty ahy Sodoma, fa nirava tanay ty fotoa kelikely zay sady tsy nisy nanonjo tana mba hanampy azy. ⁷Mpitariaky azy rey le malio tokoa noho ty zavoky, foty tokoa noho ty ronono; ty vatan-drozy le, menamirebareba noho ty haran-driaky, ty vatan-drozy le manahaky ty safira. ⁸Ty endrikin-drozy amy zao le maiky noho ty molaly; tsy hay an-dala eny ndrozy. Ty holitsin-drozy ro nipitiky tany ty taolan-drozy; nanjary maiky manahaky ty hazo zay. ⁹Ze vonoa tany tybmeso bevata rey le sambatsy tokoa noho ze maty mosary rey, ze osa, nilefony tany ty tsy fahampiaty vokatsiky baka am-baibo any. ¹⁰Ty tana ampela malemy fanahy rey le fa niketsiky anany rey avao; nanjary hanin-drozy anay ty fotoa nandrava ty anak'ampela ty oloko ndrozy. ¹¹Nanoro ty helokiny iaby i Yaveh; nandrotsaky ty helokiny masiaky Ie. Nandrehitsy ago ta Ziona ao mba handrava ty fanamboarany ie. ¹²Tsy nino mpanjaka tybtany rey, sady tsy nino ty olo iaby amy tany iaby toy, fa afaky nilitsy tany varavara Jer5fahavalo rey na mpanohitsy. ¹³Nitsanga zay noho ty fahota mpaminaniny noho ty heloky mpisorony rey ze fa nandatsaky ty lio ty marina tanivony. ¹⁴Niriorio, jiky, tany ty lalan-drozy eny. Tena voaloto bibiky tany lio zay ndrozy ka le tsy nisy nengá mba hikasiky ty sikyn-drozy. ¹⁵"Mialà! Maloto!" hoasa ty korakoraky ty olo tamin-drozy. " Mialà! Mialà! Mba ka mikasiky!" Ka niriorio ndrozy; hoasa ty olo lako tany firenea rey hozao: "Tsy mahazo mijano eto sasy ndrozy." ¹⁶Yaveh mihintsy ro nanaparitaky androzy; tsy nanenty androzy sasy Ie. Tsy manome voninahitsy mpisoro rey ndrozy, sady tsy nanoro sitsaky tany olo-bevata rey. ¹⁷Jiky ty masonay, mandiny vasoky ze hanampy anay; baka amy tilikambo fiambenanay rey ro anenteany ty firenea ze tsy afaky namonjy anay. ¹⁸Nanaraky lianay rey ndrozy, ray afaky mandeha tany alalanay rey zahay. Marikitsy ty fitamperanay sady voahisaky andronay rey, fa ho avy ty fitamperanay. ¹⁹Ty mpanja anay le malaky fandehana noho voromahery an-danitsy any rey. Nania anay tam-bohitsy eny ndrozy sady nanao hotsoky anay tam-baliky tany. ²⁰Ty imbonay amy ty vavanoronay eo le---azy voa hisaotsy Yaveh iny---Ie ro voasambotsy tan-davakin-drozy ao iny; nivolany hozao iny: "Ambany ty olony ao ro hahavelo anay amy ty firenea iaby." ²¹Mifalia noho miravaoavao, anak'ampela i Edoma, iha ze mipetsaky amy ty tany Oza any. Fa ho ahy nao avao koa ro handrosoa ty kapoaky; ho mamo iha sady hampitanjaky ty vatanao. ²²Anak'ampela Ziona, fa hotampitsy ty fanasazia anao, ray hanezaky ty sesin-taninao Ie. Nefa anak'ampela i Edoma, hanasazy Ie; tsy hampisaro fahota rey ie.

Chapter 5

¹Tiarovo,Yaveh, ze nahazo anay, henteo noho diniho ty fahafaham-barakanay. ²Nafalo ho ahy vahiny rey ty lovanay; ty tsanonay ho ahy ty hafa firenea. ³Nanjary kamboty zahay, Kamboty baba, sady ty reninay le manahaky ty mpanday vata. ⁴Tsy maintsy mandoa volafoty ho ahy ty rano inominay zahay, sady tsy maintsy mandoa volafoty vo mahazo ty katanay.⁵Ze mania anay rey le mariny afarany; vozaky zahay sady tsy mahita fijanona. ⁶Fa nanome-vata ho ahy Egypta noho Asyriana zahay mba hazoanao hany maeva. ⁷Nanota razambenay rey, sady tsy eo sasy ndrozy, sady zahay ro hiaritsy ty helokin-drozy, sady zahay ro hiaritsy ty helokin-drozy. ⁸Andevo rey ro manjaka aminay eo, sady tsy misy hanafaky anay an-tanan-drozy eo. ⁹Manao soro ty ainy zahay vo mahazo ty mofonay, noho ty meso bevata ambaliky any. ¹⁰Niha-mafana manahaky ty fanampera ty holitsinay noho ty helokinao miredareda.¹¹Niravà ampela rey ta Ziona ao, noho aja ampela tsy mahasaky lahy rey tamy tanà i Joda ao rey. ¹²Namonjy tamy ty tanany avao mpanjakany rey, sady tsy namea-voninahitsy olo-bevata rey.¹³Natao forosé hihosoky vary tamy ty fihoseham-bary pamaraky rey, sady aja lahilahy rey November manday hazo. ¹⁴Niala tamy ty varavara ty tanà olo-bevata rey, sady nanenga ty raha-maneno ndrozy ty pamaraky.¹⁵Nijano ty hafakeam-ponay sady niova ho fisaona ty sinjakina. ¹⁶Nilatsaky baka an-dohanay eny ty satso-boninahitsy; Liza ho ahy nay, safe nanota zahay!¹⁷Laha zay le nanjary siloky ty fonay, sady nanjary kiky ty masonay, noho raga rey le kiky ty masonay, ¹⁸safe ty vohitsy bevata i Ziona nipetsaky raiky, ze misy alika fela mihiaky Aminy eo.¹⁹Fa Iha,Yaveh, le manjaka zisiky farany, sady Iha ro hipetsaky amy ty seza fipetsahanao zisiky amy ty tariha fara-farany. ²⁰Nanino zahay ro halinonao mandrakizay? Nanino Iha ro mahafoy anay anay ty andro lako? ²¹Ampolio Aminao zahay, Yaveh, to himpoly. Anovo vaovao manahaky ty taloha ty andronay--- ²²laha tsy hoe fa tsy nenkeanao tanteraky zahay sady tena meloky maré aminay Iha.

Ezekiel

Chapter 1

¹Tamy ty faha telopolo tao, ty volana faha efatsy, le ingo ty faha dimy ty vola, le zao ty niseho laha mbo nipetraky tamy ty gadra anila Kanalin-dranon'i Kebara teo zaho. Nivoha ty lanitsy, le nahita fahita bakaamy Ndranhary zaho. ²Tamy ty andro fahalimy ty vola zay--- tamy ty fahalimy ty tao nananova sesitany an'i Joiakima Mpanjaka--- ³le niavy tamy Ezekielà anakilahin'i Bozy azy mpisoro ty safa Yaveh, tamy ty tanin'i Kaldeana tanila ty kanalin-dranon'i Kabara teo, le ty tana Yaveh le tagnaminy teo.⁴Le niravoky zaho, le nisy tsioky mare baka avaratsy any; nisy raho bevata nisy afo nitselatsy noho hazava mihodidy anizay noho tanain'izay tao, le azy afo iny le miloko manahaky ty lokon-tany miharo jony tanay ty raho iny tao. ⁵Tanivony teo le misy raha manahaky ty raha managnay efatsy. Manahakizao ty tarehindrozy: manahaky olo rey, ⁶fe samby mana tarehy efatsy iaby ndrozy, le ty raha managnay kiraikraiky rey le samby mana elatsy efatsy iaby.⁷Nahity ty tombondrozy, fa ty lelatom-bony le manahky ty kitro ty anaka aomby ze mipiriaky manahaky ty saba mipiriaky. ⁸Fe mana tanan'olombelo tambany ty elatsiny tao ndrozy tamy ty zorony efatsy iaby. Tamin-drozy efatsy le manahaky zao ty vatany noho ty elatsiny: ⁹Ty elatsindrozy le mifampikasoky amy ty elatsy ty raha managnay tanilany teo, sady tsy mitoliky ndrozy lafa mandeha; fe samby mandeha mahity.¹⁰Ty endriky ty tarehindrozy le manahaky ty tarehin'olombelo. Ty ilany ankavana amy ty vatany efatsy tamindrozy rey le manahaky ty liona, le ty ilany ankavia amy ty vatany efatsy tamindrozy rey le manahaky aomby. Ndrozy efatsy rey avao koa le manahaky voromahery. ¹¹Manahaky zay ty posindrozy, le ty elatsiny le mivelatsy anabo le samby mana elatsy roe iaby ty raha managnay rey ze mifampikasoky amy ty elatsy ty raha managnay hafa, le elatsy roe avao koa ze manaro ty vatandrozy. ¹²Samby nandeha aloha ndrozy, ka ndra mbaia mbaia ty anandesana ty fanahy androzy le nandinany, nandeha tsy nitoliky ndrozy.¹³Laha ty pozity ty raha managnay rey,le manahaky ty bolon'afo mandoro ro fanenty azy, manahaky ty pozy ty jiro; nisy afo mipiriaky avao koa nirehity saky ty raha managnay, sady nisy tselatsy. ¹⁴Raha managnay rey le misitsy mbaloa le mbafara malakilaky, sady ty pozindrozy le manahaky ty tselatsy!¹⁵Le nangnety tamy ty raha managnay rey zaho; nisy laro raiky tamy tany anila ty raha managnay rey teo. ¹⁶Manahaky zao ty fagnety ty filahara ty laro rey: samby manahaky ty krysolita laro rey, sady samby mana mifanahaky iaby ty pozin-drozy efatsy; ty pozin-drozy noho ty filaharany le manahaky ty laro mifampilitsy.¹⁷Laha nisitsy ty laro rey, le nandeha tsy nibio tamy ty lala handinany ze natreha ty raha managnay rey ndrozy. ¹⁸Laha ty amy sisiny, le abo noh mampavaka ndrozy, safe atriaky maso mihodidy.¹⁹Saky misitsy ty raha managnay rey le misitry anilandrozy eo laro rey. Lafa niongaky tamy tany ty raha managnay rey le niongaky avao koa laro rey. ²⁰Ndra mbaia mbaia tea tyazy fanahy iny handina, le nandinandrozy, le niongaky tamindrozy rey teo ty laro, safe ty fanahy ty raha

managnay rey le tamy ty laro rey ao.²¹Lafa misitry ty raha managnay rey le misitry avao koa laro rey; sady laha mbo mitsanga ty raha managnay rey, le mintsanja laro rey; lafa niongaky tamy ty tany ty raha managnay rey , le niongaky tanila ty tany avao koa laro rey, safe ty fagnahy ty raha managnay rey ro tamy laro tao.²²Tanabo ty raha managnay rey teo le nisy raha manahaky ty elo bevata; manahaky ty pozy ty krystaly soasoa mivelatsy anabo ty lohanadrozy eozay.²³Tambany ty eloelo rey teo le samby mivelatsy mahity ty elatsy ty raha managnay kiraikiraiky rey sady nifampisaraky tamy ty elatsy ty raha managnay hafa. ty raha managnay rey le samby mana elatsy roe manaro ty vatany iaby; samby mana roe mba hanarona ty tarehiny.²⁴Bakeo le nahare ty fikopakopa ty elatsindrozy rey zaho. Manahaky ty figanaganaha ty rano mandeha. Saky mihetsiky ndrozy le manahaky ty feo azy Tsitoha. Manahaky ty feo ty latsak'ora. Manahaky ty feo ty miaramila.²⁵Laha mbo nitsanja ndrozy, le mampijotso ty elatsiny. Laha nitsanga noho nampijotso ty elatsiny ndrozy le nisy feo niboaky baka amy ty eloelo anabo ty lohandrozy rey tao.²⁶Tanabo ty eloelo anabo ty lohandrozy rey teo le nisy raha manahaky ty seza fiadana ze amanahky ty vato safira ty fagnentea azy, sady tamy raha manahaky seza fiadana le raha manahaky ty lahilahy ty fagnentea azy.²⁷Nahita sary manahaky ty metaly mipiriaky misy afo tanainy tao nanomboky tamy ty valahany noho miakatsy zaho; nahita raha manahaky ty afo noho hazava tamy ty valahany mijotso teo zaho.²⁸Raha manahaky ty havana anay ty raho amy ty andro latsak'ora ro fagnetea ty jiro mazava mihodidy anizay. Poziy ty voninahitsy Yaveh zay. Lafa nahita zay zaho, le niravoky nandohaliky, sady nahare feo nivola.

Chapter 2

¹Hozao tiasany amiko: "Ry anak'olo, mitsangana; le mivola aminao Zaho." ²Taran'izay laha mbo nivola tamiko Ie, le nilitsy tanaiko tao ty fanahy le nampitsanga ahy, le reko Ie mivola amiko. ³Hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, mandefa anao ho amy ty olon'Israely Zaho, amy ty firenena mpimadiky rey ze nivaliky tamiko --- ndra ndrozy ndra ry razany le samby fa nanota tamiko zisiky henanizao!" ⁴Mana toetsy mahery loha noho tsy miferinay ty tarihandrozy rey. Maniraky anao ho amindrozy rey Zaho, sady hivola hozao amindrozy rey iha: ⁵"Zao ty vola i Tompo Yaveh". Ndra hijanjy ndrozy ndra tsy hijanjy. Tariha ty mpamaliky ndrozy, fe ty farafahakelindrozy halala fa mpaminany ro tamindrozy teo. ⁶Iha, ry anakin'olo, ka mavaka androzy ndra ty volan-drozy. Ka mavaka, ndra misy fatiky aza iha sady ndra miay miaraky amy ty maingoky aza iha. Ka mitseky amy ty volan-drozy ndra havaka amy ty vatandrozy, safe tariha ty mpamaliky ndrozy. ⁷Fe iha hivola amindrozy ty safako, ndra hijanjy ndrozy na aha, safe mpamaliky mare ndrozy. ⁸Fa iha, ry anakin'olo, janjino ze raha volaniko anao. Ka mamaliky manahaky ty tariha mpamaliky rey. Vohao ty vavanao le hano ty fa nameako ano!" ⁹Bakeo le nagnenty zaho, le nisy tana niampatsy tamiko teo; nisy horonan-taratasy voaratsy tanain'izay tao. ¹⁰Nivoha talohako teo zay; samby voasoratsy iaby ndra ty aloha ndra ty ambaliky, le ty voasoratsy tamizay teo le fitoreova fisaonana, noho loza.

Chapter 3

¹Le hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, ze hitanao, le hano. Hano ty horonan-taratasy toy, le mandina le mivolana amy ty longo Israely". ²Le namoha ty vavako zaho, le nafahany ahy horonan-taratasy iny. ³Hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, vintsigno ty tsarotsinao le atreho amy ty horonan-taratasy ze ameako anao toy ty vavoninao!" Le nihina zay zaho, le mamy manahaky ty tanntely tam-bavako ao zay. ⁴Le hozao tiasany amiko: "Ry anakin'olo, mandeha amy ty longon'Israely le volano amindrozy rey ty safako. ⁵Fa tsy hampandeha amy ty olo hafa volona iha ndra ty filolana sarotsy, fa amy ty longon'Israely--- ⁶tsy amy ty firenena bevata ze hafahafa ty fivolanany noho ty sarotsy fivolana ze tsy ho hainao ty fivolanany rey! Laha handefa anao tamindrozy rey Zaho, le ho nijanjy anao ndrozy. ⁷Fa ty anakin'Israely le tsy vono hinjanjy anao, safe tsy vono hijanjy Ahy ndrozy. Lafa zay le ty anak'Israely iaby le mafy handry noho raty fo. ⁸Ingo, Fa nanoviko mare ty vatanao manahaky ty vatany Zaho sady ty handrinao mare manahaky ty handrindrozy. ⁹Nanoviko manahaky ty diamondra ty handrinao, mare mandilatsy ty afovato! Ka mavaka androzy rey nareo ndra ty hakivia ty tarehiny, safe tariha ty mpamaliky ndry."¹⁰Le nivola tamiko manao hozao ndrozy: "Ry anakin'olo, ty safa iaby ze nivolaniko anao rey---rambeso anainao rey le ahorrano amirey ty sofinao!"¹¹ Bakeo mandina amy gadra rey, amy ty olonao any, le mivolana amindrozy. Volano hozao ndrozy: 'Zao ty volan'i Tompo Yaveh,' ndra hijanjy ndrozy na aha."¹²Le nanongaky ahy ty fanahy, le nahare ty feo ty horohoron-tany bevata tafarako tao zaho: "Isaora lahy ty voninahitsy Yaveh baka amy ty fipetrahany eo!"¹³Zay le feo ty elatsy ty raha managnay rey lafa mifampikasoky ndrozy, noho feo ty laro ze niaraky tamindrozy, sady feo ty horohoron-tany bevata."¹⁴Nanongaky ahy ty fanahy le nanday ahy, le nagnoriky ty faitsy ty heloky ty fanahiko zaho, fa ty tana Yaveh le nitindry ahy tany ty heriny!"¹⁵Le nandeha tany ty gadra ta Telabiba ze mipetraky amy ty sisys ty renirano Kebara tany zaho, le niengy tamindrozy tany hanaritsy ty fito andro, le heniky ty hatsereha zaho."¹⁶Tafara ty faha fio andro le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: "¹⁷"Ry anakin'olo, natao ho mpiamby ty longon'Israely iha, le mijanjina ty safa baka amy ty vavako, sady omeo androzy ty fampitandremako. ¹⁸Lafa mivola hozao amy ty raty fanahy zaho: 'Le vatany ho matyvatany iha' le tsy nampitandry na nivola fampitandrema ty raty fanahy mikasiky ty asa ratiny rey mba ahaizany miay iaha---le ho maty noho ty fahotany azy raty fanahy iny,fa ho takiako amy ty tananao ty liony. ¹⁹Fa laha mampitandrina ty raty fanahy iha, le tsy miala amy ty faharatiany ndra amy ty asa ratiny ie, le ho maty amy ty fahotany ie, fa havonjy ty ainao avao iha."²⁰Laha mivaliky amy ty fahamarinany ty olo to raiky sady manao ty tsy rariny, le anengako vato mahatafitoitsy alohany eo, le ho maty ie. Safe tsy nampitandry azy iha, le ho maty amy ty fahotany ie, le tsy ho tiaroko ty asa to ze nanoviny, fa takjiako amy ty tananao ty liony. ²¹Fa laha nampitandry ty olo mary iha mba hiegny amy ty fahota le tsy hanota sasy ie, le vatany hiay ie safe nampitandrema; sady hahasambaky ty aianao avao koa iha."²²Le tamiko teo ty tana Yaveh, le hozao tiasany tamiko: "Mitsangana! Mandina miboaky amy ty baibo, le any Zaho ro hivola amina!"²³Nitsanga zaho le nandeha niboaky tam-baibo any, le nipetraky teo ty voninahitsy Yaveh, manahaky ty nihitako tanila ty kanalin-dranon'i Kebara teo; le nanondriky ty vatako zaho. ²⁴Nagnato ahy ty fanahy le nampitsanganiny tany ty tomboko; sady novola tamiko ie, nivola hozao tamiko: "mamdina le hilio an-tranonao ao ty vatanao, ²⁵fa henanizao, ry anakin'olo, hanenga taly amina eo ndrozy le hamehy anao le tsy afaky hiboaky amindrozy eo iha."²⁶Hapitiko amy ty lanilaninao ty lelanao, le hanjary moa iha, le tsy afaky hivola mare androzy, safe tariha ty mpamaliky ndrozy. ²⁷Fa lafa Zaho ro mivola amina, le ho vohako ty vavanao le hivola amindrozy manao hozao iha: " Zao ty vola ty Tompo Yaveh: 'Ty raiky ze mahare le hahare; ty raiky ze tsy mahare le tsy hahare, safe tariha mpamaliky ndrozy!'"

Chapter 4

¹"Fa iha ry anakin'olo, mangala boriky ho ahinao le engaho alohanao eoo zay. Bakeo le enovo sary vonga amizay ty tana i Jerosalema. ²Le manamboara aritsatoky hanisia anizay, sady manamboara manda hanohera anizay. Manamboara tovon-tany fanafiha hanisia anizay sady manenga toby mihodidy azy. Ampitiho toha vy fandrava mihodidy anizay. ³Bakeo mangala lapoaly vy ho ahinao le ampiasao manahaky ty manda vy anelanelanao eo noho ty tana zay sady ampanatreho anizay ty tarehinao, fa hanova aritsatoky zay, sady iha ro hanao aritsatoky anizay. Zay ty famantara ty longon'Israely. ⁴Bakeo miroroa amy ty ila ty ankavianao le engaho amizay eo ty fahota ty longon'Israely; iha ro handay ty fahotandrozy zisiky ty isa ty andro hiroroanao hanohitsy ty longon'Israely. ⁵Zaho mihintsy ro mitingy andro raiky mba hanoroa ty tao ty famaiza androzy kiraikiraiky ho ahinao: 390 andro! Zay fomba zay, ro hanandesanao ty fahota ty longon'Israely. ⁶Lafa fenonao ty andro rey, le miroroa fanindroany amy ty ilanao ankavana, fa handay ty fahota ty longon'i Joda maharitsy efa-polo andro iha. Mitingy andro raiky hoahy ty tao kiraikiraiky ho ahinao Zaho. ⁷Atoliho miatriky an'i Jerosalema ze anovy fahirano ty tarehinao, sady maminania hanohitsy azy amy ty sandrinao tsy milomboky. ⁸Fa ingo! Manenga fatora aminao Zaho mba hivalibalihanao amy ty ilany raiky hoahy ty hafa zisiky anatrehanao ty andro ty aritsatokinao. ⁹Mangala varimbazaha, hordea, tsaramaso, antsoroky, apemba, sady spelta ho ahinao; engaho amy anay ty fisiana raiky avao rey sady mananova mofo ho ahinao zisiky ty 390 andro ro hinanao anizay. ¹⁰Ty hany ze nohaninao le ho lanja ty sekely roapolo saky sanadro, le hohaninao amy ty fotoa nitinginy saky sanadro, le hohaninao amy ty fotoa voatingy. ¹¹Le hinon-drano iha, zay ty hafatsy ze nafatsy tamy ty ampaheny ty hina baka amy ty sady hinoma amy ty fotoa voatingy avao koa zay. ¹²Hohaninao manahaky ty mofo mamy vita baka amy ty vary hordea zay, fe handesinao amy ty kata: ¹³Fa hoasa Yaveh: "Zay ty dikany fa ty mofo ze hohanin'y mofo ze ho hany ty olon'Israely le haloto, amy ty firenena androahako andrzy rey." ¹⁴Fa hozao tiasako: "Eee, ry Tompo Yaveh! Tsy mbo naloto zao ndraiky zaho! Tsy mbo homa raha amty noho ty raha amy ty biby, nanomboky tamy ty fahatanorako le zisiky amizao zaho, sady mbo tsy nilitsy amy ty vavako ty hena maloto!" ¹⁵Le hozao tiasany tamiko: "Ingo! hameako tain'aomby iha ho solo ty tain'olo mba hahazanao kikarakara ty fonao amizay eo." ¹⁶Hozao avao koa tiasany tamiko: "Ry anakin'olo! Ingo! Tapahako ty famatsia mofo a Jerosalema ao, sady hina mofo amy ty fizara zay amy ty tahotsy ndrozy sady hino ndrano amy ty fampizara zay amy ty fangitikitiha. ¹⁷Safe hijaly mofo noho ho rano ndrozy, le hihorohoro amy ty rahalahany ty olo iaby sady hihalevona noho ty felondrozy."

Chapter 5

¹"Bakeo iha, ry anakin'olo, mangala mesobe maranitsy manahaky ty fanarata vaoky ho ahinao, le ampandalovo amy ty lohanao noho ty vaokinao eo azy fanarata iny, bakeo alao ty fandanja mba handanja noho hampisarasaraha ty volonao. ²Oro amy ty afo anivo ty tana ty ampahatelon'izay lafa tanteraky ty andro ty aritsatoky, le alao ty ampahatelo ty volo le tapaho amy ty mesobe mihodidy ty kila tana iaby zay. Le aparitaho amy ty tsioky ty ampahatelon'izay, le hampiboaky mesobe hagnindina ty olo Zaho. ³Le manga isam-bolo kelikely amindrozy rey le feheo amy ty siszy ty sikkinao rey. ⁴Bakeo le mangala volo lako mare le atoraho anivo ty afo eo zay; le oro amy afo eo zay; fa hisy afo hiboaky bakeo ho amy ty longon'Israely iaby." ⁵ao ty vola ty Tompo Yaveh: "Toy ro Jerosalema anivo ty firenena rey, ze nanengako azy, noho mampiodahako azy tamy ty firenena hafa. ⁶Kanefa nanda ty lalàko tamy ty faharatia mandilatsy ty nanana ty firenena ie, le ty liliko mandilatsy ty tana ze mihodidy azy rey. Fa tsy nanenky ty fitsarako ty olo sady tsy nagnoriky ty lalàko." ⁷Lafa zay le hozao ty vola i Tompo Yaveh: "Safe manahira mare iha laha ampitaha amy firenena ze mihodidy anao sady tsy nagnoriky ty lalako na niasa araky ty liliko, na niasa araky ty lily ty firenena ze mihodidy anao," ⁸lafa zay le hozao tiasa i Tompo Yaveh: "Ingo! Hiasa hanohitsy anao Zaho. Hanao fitsara anivonao eo Zaho mba ho hente ty firenena rey. ⁹Hanoviko aminao ze mbo tsy nanoviko le ty mifanahaky amizay le tsy hanoviko sasy, amy ty asa mampangaroharo iaby. ¹⁰Lafa zay le hihina ty anaky anivonareo eo ty babany, le ty anaky rey hihina ty babany, safe hanatanteraky fitsara aminareo eo Zaho sady hampiparitaky anareo iaby ze ilany nenga rey ho amy ty kila lala iaby. ¹¹lafa zay, laha mbo velo avao koa Zaho--- zay ty fanambara i Tompo Yaveh---nahavy anizay safe ty fipetrahako masy le vatany nolotoanao miharo amy ty raha mampangaroharo noho ty asanao mampangaroharo iaby, fa Zaho mihintsy ro mampihena ty isanareo; tsy hiferinay anareo ty masoko, sady tsy hitsiriry anareo Zaho. ¹²Ty ampahatelonareo le ho maty ty arety mandripaky, sady ho maty ty mosary anivonao eo ndrozy. Ty ampahatelonny le ho maty ty mesobe mihodidy anao. Le bakeo le hampiparitaky ty ampahatelonny amy kila lala iab eny Zaho, sady hampiboaky mesobe hagnindina androzy vao koa. ¹³Le ho tanteraky ty heloko, le hahavy ty heloko amindrozy rey Zaho mba hampiegny azy. Ho afa-po Zaho, le ho haindrozy fa Zaho, Yaveh, le fa nivola tamy ty heloky lafa nahataneraky ty heloko tamindrozy Zaho. ¹⁴Hanoviko ho faharava noho fahafaham-baraky amy ty firenena ze mihodidy anao iha amy ty maso ty olo ze mandrio iaby eo. ¹⁵Le hanjary raha fanasazia noho tsy fampisia dikany hoahy ty olo hafa i Jerosalema, fampitandrema noho fampihorohoroa hoahy ty firenena ze mihodidy anareo. Hanatanteraky ty fitsara hanohera anao amy heloky noho amy ty siaky, noho ampivolana mare Zaho---zaho, Yaveh ro fa nivola anizay! ¹⁶Handefa kititsy mare ty mosarry hanohitsy anareo Zaho ze hanjary zay ty antony hanimbako anareo. Fa hampitombo ty mosary aminareo eo Zaho sady hanapaky ty vatia mofo hoahinareo. ¹⁷Handefa mosary noho loza hanohera anareo Zaho le tsy hanananaky anreo. Ty arety mandripaky noho ty lio le handalo mbaminareo, sady handay mesobe hanisy anareo Zaho---Zaho, Yaveh, ro fa nivola anizay."

Chapter 6

¹Avy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: "Ry² anakin'olo, anovo miatriky ty vohitsy Israely ty tarehinao le maminania amindrozy. ³Volano hozao: 'Ry vohitsy an'Israely, janjino ty safa i Tompo Yaveh! Zao ty vola i Tompo Yaveh amy ty vohitsy rey noho amy ty tany abo, amy ty kanalindrano rey, noho amy ty tany malemy! manday mesobe hanohera anareo Zaho, sady handrava ty fipetraha anabonareo. ⁴Le ho haolo ty alitaranareo le ho rava ty tohanareo rey, le hajiako aloha ty sampinareo rey ty fandainareo. ⁵Hengako aloha ty sampindrozy rey eo ty faty ty anak'Israely, sady haporitako mihodidy ty alitaranareo eo ty taolanareo. ⁶Ndra aia ndra aia ty hipetrahamanareo, le ho foa ty tanana rey sady haonnga ty fipetraha anabo rey, le ho foa ty alitarane sady ho haolo. Le ho rava ndrozy sady hanjavo, haravoky ty tohanareo sady hofora ty asanareo rey. ⁷Hiravoky anivonareo eo ty faty le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ⁸Fa hitanjaky ty ilany sisa aminareo eo Zaho, le hisy ilany ho tafila amy ty mesobe amy ty firenena rey, lafa miparitaky heniky ty tana nareo. ⁹Bakeo azy nilay rey hieritseritsy Ahy amy ty firenena ze hitanjaha androzy ho gadra rey, fa Zaho le niferinay tany ty fibalibahiha ty fondrozy ze namadiky ahy, sady tany ty masondrozy rey ze nindranto nanoriky ty sampindrozy rey. Le niboaky tany ty vatandrozy ty fangarongaroaha tany ty faharatia ze nanovindrozy niaraky tany ty fahavetavetany iaby ndrozy. ¹⁰Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh. Zay ty antony nivolanako fa handay ty raty toy amindrozy rey Zaho. ¹¹Ty Tompo Yaveh mivola hozao: Mitehafa sady apoaho ty fandeha ty tombonareo! Volano hozao: 'Eee!' noho ty fahavetaveta raty ty longon'Israely iaby! fa ho maty mesobe, mosary sady arety mandripaky ndrozy. ¹²Azy lavitsy rey le ho maty ty arety mandripaky, le ze marikitsy le ho maty ty mesobe. Azy ilany rey noho ty mbo velo le ho maty ty mosary. hanatenteraky ty heloko amindrozy rey amy ty lalany Zaho. ¹³Le ho haindrozy fa Zaho ro yaveh, lafa ty fatindrozy ro hiampatsy amy ty sampindrozy eo, mihodidy ty alitarandrozy, amy ty tany anabo iaby— anabo ty vohitsy iaby, sady ambany ty hazo misadrahaky iaby noho hazo terebinta matevy—ty toera ze nandroandrozy ditin-kazo manitsy hoahy ty sampindrozy iaby. ¹⁴Hanisy amy ty tanako Zaho sady hanenga ty tany ho haolo noho foa, baka amy ty tany efitsy le zisiky amy Dibla, heniky ty kila toera iaby ze ipetrahamanandrozy. Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh."

Chapter 7

¹Avy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Iha, ry anakin'olo ---zao ty volan'i Tompo Yaveh amy ty tana Israely." Fiafara! Avy baka amy ty kilan-tany efatsy ty fiafara. ³Henanizao le aminao eo ty fiafara, safe handefa ty heloko aminao Zaho, sady hitsara anao araky ty fombanao; sady handay ty fahavetavetanao iaby aminao eo Zaho. ⁴Fa tsy hiferinay anao ty masoko, sady ty hitretrea anao Zaho. Fe, handesiko aminao eo ty fombanao, sady ho anivonao eo ty fahavetavetanao, le ho hainao fa Zaho ro Yaveh. ⁵Zao ty vola ty Tompo Yaveh: Loza! Loza tsy misy manahaky zay! Ingo, ho avy zay. ⁶Ho avy vatanany ty fiafara. Ingo, avy zay! Ingo, avy zay! ⁷Ho avy aminao ze mipetraky amy ty tany ty fiafara ratinao. Avy ty fotoa; fa marikitsy ty andro ty faharava, sady vohisy rey le tsy ho faly sasy. ⁸Sady tsy ho ela le handraraky ty heloko aminao noho hanatriky ty siakiko aminao Zaho lafa hitsara anao araky ty fombanao noho handay ty fahavetaveta iaby aminao eo Zaho. ⁹Fa ty masoko le tsy hagnety amy ty fiferinesa, sady tsy hitretre anao Zaho. Araky ty nanovinao, ro ho hanoviko aminao; sady ty fahavetavetanao rey le ho anivonao eo ka le hahay iha fa Zaho ro Yaveh, azy raiky manasazy anao iny. ¹⁰Ingo, ty andro! Ingo, avy zay! ho avy ty fiafara raty! Maro ravy ty tahon-kazo, mandravy ty avonavo! ¹¹Nitombo tany ran-kazo ty faharatia ty heriloha---tsy misy amindrozy rey, sady tsy misy amy ty olon-drozy, tsy misy amy ty hanagnany rey, sady tsy misy amy ty manan-danja amindrozy rey haharitsy! ¹²Ho avy ty fotoa; fa marikitsy ty andro. Ka enga ho faly ty mpivily, ndra hisaona ty mpamarotsy, safe amy ty olo iaby ty heloko! ¹³Fa ty mpamanotsy le tsy mampoly mandrakizay ze fa letaky, laha mbo velo koa ndrozy, safe manohitsy ty olo iaby azy fahita iny. Tsy himpoly ndrozy, safe tsy misy olo hiveloo amy ty fahotany ho matanjaky. ¹⁴Nitioky ty trompetra ndrozy sady nanoma ty kila raha iaby, fe tsy misy handeha mba hialy; safe amy ty olo iaby ty heloko. ¹⁵Ty mesobe le aminy ambaliky any, le ty arety mandripaky noho ty mosary le anay ty trano bevata. Azy ambaibo any rey le ho maty ty mesobe, fa laha manimba anirey amy ty tana koa ty mosary noho ty arety mandripaky. ¹⁶Fa azy ilany sisa velo rey le hilay baka amindrozy eo, le ho ambohitsy any ndrozy. manahaky ty pigeon amy ty tany malemy, le hahafeinay iaby ndrozy---ty olo kiraikiraiky noho ty fahadisoany iaby. ¹⁷Hiozongozo iaby ty tana sady halemy manahaky ty rano iaby ty pokopoko iaby, ¹⁸sady hanisy siky fisaona ndrozy, sady hanaro androzy ty horohoro; sady ho amy ty tarehy iaby ty henatsy, le ty fahasola ho amy ty lohandrozy iaby. ¹⁹Hanoraky ty volafotindrozy amy ty lala eny ndrozy le ty volamenandrozy le manahaky ty fako. Ty volafoty noho ty volamenan-drozy le tsy ho afaky hanavotsy androzy amy ty andro mahameloky an'Yaveh. Tsy ho voavonjy ty aindrozy sady tsy ho vintsy ty hamsarendrozy, safe ty fahadisoany le hanjary vato mahameloky. ²⁰Amy ty fiavonavonany ro hangalandrozy ty hangalandrozy ty ravakiny nisikina, sady amirey ro hiasandrozy ty sary fahavetavetandrozy, noho ty raha mampangaroharo ndrozy. Lafa zay, le havaliko ho raha maloto aminy ty raha rey. ²¹Bakeo le hasesy ho gadra an-tana ty vahiny rey eo sady ho azo sambotsy amy ty raty fanahy ty tany eo ty raha rey. ²²Le hampiodaky ty vatako amindrozy rey Zaho lafa mandoto ty toerako sarotsy ndrozy; hilitry ao mpamaraky jangoraky rey le handoto anizay. ²³Misikina ravaky, safe ty tany le atrikey ty fitsara ty lio, sady le atrikey heriloha ty tana. ²⁴Le handay fanahy mare amy ty firenena rey Zaho, sady le ho haindrozy ty tranony, sady hamita ty avonavony mahery Zaho, fa ho voaloto ty toera masindrozy! ²⁵Ho avy ty havaka! Hila fiadana ndrozy, kanefa tsy hisy zay. ²⁶Loza miharo loza ro ho avy, sady hisy vandy mharo vandy. Le hila fahiata baka amy ty mpaminany ndrozy, kanefa ty lala le ho simba baka amy ty mpisoro rey sady ty torohevitsy baka amy ty zokiolo. ²⁷Ty mpanjaka le hisaona le ty mpanjaka hisafotsy fahadisoa fanantena laha ohatsy ka hangitikitiky ty havaka ty tana ty olo ty tany rey. Araky ty fombandrozy rey avao ro hanaovako anizay amindrozy rey! Hitsara androzy araky ty fanaony Zaho zisiky mahafaty androzy fa Zaho ro Yaveh."

Chapter 8

¹Le tamy ty faha eny tao noho vola faha eny, tamy ty faha andro fahalimy ty vola, laha nipetraky tan-traniko tao zaho noho ty loholon'i Joda rey nipetraky talohako teo, le nilatsaky tamiko eo ndraiky ty tana i Tompo Yaveh. ²Le nagnety zaho, le ingo, nisy tarehy manahaky lahilahy. Nisy afo baka amy ty andilany mijotso. Le baka amy ty andilany miakatsy le misy rahamipiriaky, manahaky ty vy mipiriaky.³Le nanapatsy raha manahaky ty tana ie le nandramby ahy tamy ty volon-dohako; nanondrotsy ahy tanivo ty tany noho ty lanitsy teo azy Fanahy iny, le tamy ty fahita baka amy Ndranahary, ro nanday ahy baka amy Jerosalema, tamy ty fiulira anay ty vavahady avaratsy, ze nitsangana ty sampy ze manakiotsy farahy bevata. ⁴Le ingo, ty voninahitsy azy Ndranaharin'Israely le tao, araky ty fahita ze nihitako tamy ty tany lemaky tao.⁵Le hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, ahirato mbavaratsy any ty masonao." Le nampenenteako mbavaratsy any ty masoko, le tavaratsy ty vavahady mandeha amy alitara amy ty filira teo, azy sampy ty farahy. ⁶Le hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, hitanao va ty raha anovindrozy rey? Rey le fahavetaveta bevata ze anovy ty longon'Isarely eto mba hampisitaky Ahy lavitsy amy ty fipetrahako masy. Fa hitoliky iha le hahita fahavetaveta bevata mare aza,"⁷Bakeo le nandesy tamy ty vavahady ty kianja zaho, le nagnety, le nisy lavaky raiky tamy rindry teo. ⁸Hozao tiasany amiko: "Ry anakin'olo, loaho rindry io." Le nandoaky ty rindry zaho, le nisy varavara. ⁹Le hoasany tamiko: "Mandina le henteo ty fahavetaveta mampangaroharo ze anovindrozy atoa."¹⁰Le nilitsy zaho le nagnety, le ingo! Nisy karan-draha milaly noho biby mampangaroharo! Ty sampy ty longon'Israely iaby le natao sary vonga mihodidy ty rindry iaby. ¹¹Nisy lohola tiahy ty longon'Israely fitopolo tao, le i Jazania anakilahin'i Safana le nitsanga taloha ty sarin-draha rey ndrozy, le ty kiraikiraiky amy ty lahilahu le samby nanday amy ty fanandesa afony tan-tantany iaby mba hampiakatsy ty fofon- tsetroky ty didin-kazo manitsy.¹²Hozao tiasany amiko: "Ry anakin'olo, hiatanao va ty fanao ty loholon ty longon'Israely amy ty maiiky ao? Samby manao anizay amy ty efitsy fivonia ty sampiny ao ty kiraikiraiky, fa hoasandrozy: "Tsy mahita antsika Yaveh! Fa nafa'n'Yaveh ty tany."¹³Le hoasany tamiko: "Mitoliha ndraiky le henteo ndraiky ty fahavetaveta bevata hafa ze anovindrozy rey."¹⁴Bakeo nandesiny nandeh a amy ty vavahay filira an-tranon'Yaveh zay tamy ty zoriny avaratsy teo zaho, le ingo! Nipetraky nisaona an'i Tamoza tao azy ampela rey. ¹⁵Le hoasany amiko: "Hitanao va zao, ry anakin'olo? Mitoliha ndraiky le hennteo zisiky amy ty fahavetaveta bevata mandilatsy anirey aza."¹⁶Nandesiny tamy ty kianja anainy tan-tranon'Yaveh zaho, le ingo! tamy ty filira tan-mpiangona Yaveh tao tanelenela ty lavaranga noho ty alitara teo, le nisy lahilahy roapolo limy amby teo ho eo ty isany nanome lambosy ty fianagonan'Yaveh le niantinana ty vatandrozy rey, le nanompo ty masoandro ndrozy.¹⁷Hozao tiasany amiko: "Hitanao va zao, ry anakin'olo? Vasa raha kely hoahy ty longo ty Joda ty fanaova fahavetaveta ze anovindrozy rey etoa? Fa efa natsehandrozy heriloha ty tany sady mbo isy namaliky mba hanakiotsy Ahy amy ty heloko ndraiky ndrozy, tamy ty fanenga tahon-kazo amy ty orondrozy rey. ¹⁸Le hiasa amindrozy rey avao koa Zaho; tsy hiferinay ty masoko, sady tsy hitretrea androzy rey Zaho. Ndra mitany amy ty feo mare amy ty sofiko aza ndrozy, le tsy hijanjy androzy Zaho,"

Chapter 9

¹Le nitany tan-tsofiko teo tamy ty feo mare ie, nanao hozao: "Engaho hiakatsy ho an-tana ao ty mpiamby rey, miaraky amy ty fitaovam-pialia fandrava an-tanany eny iaby."² Le ingo! Le nisy lahilahy eny niavy baka amy ty lala ty vavahady anabo ze mitoliky mbavaratsy, samby niaraky tamy ty fiaovam-pialia famonoa tan-tanany teny iaby. Nisy lahilahy raiky nisiky rongony foty niaraky tamy ty fitaova ty mpanora-dalana tamy ty ilany anivondrozy teo. Le nilitsy ndrozy le nitsanga tanila ty alitara saba teo.³Le ty voninahitsy azy Ndranaharin'Israely niakatsy baka amy ty kerobima ze tan-tokonam-baravara ty trano. Nikaiky ty lahilahy nisiky rongony foty ze nana ty fitaova ty mpanoratsy lala tanilany teo Ie. ⁴Hozao tiasa Yaveh tagnaminy: "Mandina anivo ty tana eo--- anivo ty Jerosalema---le asio mariky amy ty handry ze mitoreo noho malahelo ty amy ty fahavetaveta iaby nanovy tanivo ty tana teo."⁵Le niresaky tamy ty hafa tan-tsofiko teo manao hozao Ie: "Mandina manoriky azy an-tana ao le mamonoa. Tokony tsy hiferinay ty masonao, sady ka miferinay ⁶ndra olo antitsy, tanora, tsy mahasaky lahy, aja maliniky ndra ampela. Vono iaby ndrozy! Fa magnato ty misy mariky amy ty lohany eo. Atomboho baka amy ty fitoerako masy!" Le nanombok baka amy ty lohola ze taloha ty tranon-drozy.⁷Hozao tiasany tamindrozy: "Loto ty trano, sady atreho faty ty kianja anizay. Miboaha!" Le niboaky ndrozy le anafiky ty tana. ⁸Laha mbo nanafiky anizay ndrozy, le hitako fa irery zaho le nampandohaliky ty vatako zaho le nitoreo le nanao hozao: "Eee, ry Tompo Yaveh, handrava ty ilany sisa tavela ahin'Israely iaby amy ty fandrara ty helokianao amy ty Jerosalema any va Iha?"⁹Hozao tiasany amiko: "Mandilatsy mare ty fahadisoa ty longon'Israely noho i Joda. Atriky lio ty tany sady atriky fahavetaveta ty tana, safe hozao tiasandrozy: 'Fa nihalinon'Yaveh ty tany, sady tsy mahita iYaveh!'"¹⁰Lafa zay, tsy hagnety amy ty fitretre ty masoko, sady tsy hitsiriry androzy rey Zaho."¹¹Ingo! Nimpoly azy lahilahy nisiky rongony foty ze nana ty fitaova ty mpanoratsy lala tanilany teny. Nitao ie sady nivola hozao: "Fa nanoviko ze kila raha nandidianao."

Chapter 10

¹Laha nagnety mbamy ty eloelo ze tan-dohaty Kerobima teo zaho; le nisy raha niseho tanabon'irey manahaky ty safira mana endriky manahaky ty seza fiadana. ²Bakeo Yaveh nivola tamy azy lahilahy nisafotsy rongony foty le nanao hozo: " Mandina anivo ty laro ambany ty Kerobima rey eo, le atreho ty bolon'afo mirehitsy baka anivo ty Kerobima ty tananao le aparitaho amy ty tanana eo ndrozy."Laha nagnety zaho le nandeha lahilahy.³Le nitsanga tan-kavana ty trano ty kerobima teo lafa nilitsy azy lahilahy iny, le niatriky raho tanay ty kianja tao. ⁴Nisondrotsy baka amy ty kerobima teo ty voninahitsy Yaveh le nitsanga tan-tokonam-baravara azy trano zay teo. Nanatsiky ty trano tamy ty raho zay, le atsiky ty fipiriaky ty voninahitsy Yaveh ty kianja. ⁵Ty feo ty helatsy ty kerobima le re baka ambaliky ty kianja, manahaky ty feon-Dranahary Tsitoha lafa le mivola rey.⁶Lafa nandidy ty lahilahy misafotsy rongony foty Ndranahary le nanao hozo: "Mandrampesa afo baka anivo ty laro ze amy kerobima rey eo,"le nilitsy lahilahy iny le nitsanga tanila ty laro raiky. ⁷Nisy kerobima raiky nanampatsy ty tanany tanivo ty kerobima raiky ho amy ty afo ze tamy kerobima teo, le nanondrotsy anizay noho nametraky anizay tan-tana ty misafotsy rongony foty. Nirambesiny azy lahilahy iny zay le niboaky ie. ⁸Tamy ty kerobima teo le nahita raha manahaky ty tanan'olo tambany ty elatsindrozy tao zaho.⁹Le nagnety zaho, le ingo! Laro efatsy ro tanila ty kerobima rey teo ---laro raiky tanilany isa ty kerobima teo-- sady ty pozy ty laro rey le manahaky ty vato berila. ¹⁰Ty pozindrozy le mifanahaky amy ty efatsy iaby amindrozy rey, manahaky ty laro mifanojo amy ty laro hafa. ¹¹Lafa niala ndrozy, le nilitsy tamy ty lala efatsy tsy misy fiolava amy ty lala hafa. Fe, ndra aia ndra aia niatreha ty loha, le norihindrozy rey zay. Le tsy nimpoly tamy ty lala hafa tamy ty nandinany sasy ndrozy.¹²Ty vatandrozy iaby--- anainizay ty lambosiny, tanany rey, sady ty elatsiny rey--- le atsiky maso, le maso avao koa ro manatsiky ty laro efatsy mihodidy. ¹³Laha nijanjy zaho, le nisy nivola hozo: " mivalibaliha laro rey. ¹⁴Nana tarehy efatsy iaby ndrozy; ty tarehy velohany le tarein-kerobima, ty tarehy faharoe le tarehin-dahilahy, ty tarehy faha telo le liona, le ty tarehy faha efatsy le tarehy ty voro mahery.¹⁵Bakeo niongaky kerobima iny--- le ty raha managnay ze nihitako tanila ty reniranon'i Kebara¹⁶ Saky mihetsiky azy kerobima rey le nandeha tanilany teo avao koa ty laro, le saky manondrotsy ty elany mba hiala amy ty tany ty kerobima, le tsy nibio laro rey. Mbo niegny tenilany teo rey. ¹⁷Lafa niegny kerobima iny, le niegny avao koa laro rey, sady lafa niongaky rey, le niongaky niaraky tamizay koa laro rey, safe tammy ty laro rey tao ty fanahy ty raha managnay.¹⁸Le niala tamy ty tokonam-baravara ty trano ty voninahitsy Yaveh le niegny tamy kerobima teo. ¹⁹Namelatsy ty elatsiny ty kerobima le niongaky tamy ty tany tamasoko teo lafa niboaky ndrozy, le nanao mifanahaky anizay tanilandrozy teo ty laro. Niegny tamy ty filira antinana mban-taron'Yaveh ndrozy, le ty voninahitsy azy Ndranahary tiahin'Israely le niavy tamindrozy rey teo baka anabo teo.²⁰Rey ty raha managnay ze fa nihitako tambany azy Ndranahary ahin'Israely tamy ty kanalindrano Kebera,fa haiko fa kerobima rey! ²¹Nana tarehy efatsy iaby noho elatsy efatsy iaby ndrozy, ²²le manahaky ty tanan'olo ty ambany ty elatsindrozy, le manahaky ty tarehy zefa nihitako tanay ty fahita tamy ty kanalindrano ahin'i Kebara, le ty kiraikiraiky amindrozy le nandeha nahity.

Chapter 11

¹Le nampiakasy ahy ty Fanahy le nanday ahy tamy vavahady an-tinana ty tranon'Yaveh, ze miantinana, le ingo, nisy lahilahy roapolo limy amby amy ty lala mbamy vavahady iny teo. Hitako tamindrozy rey teo i Jazania anakilahin'i Azora noho i Pelatia anakilahin'i Benaia, mpitariky ty olo.²Hozao tiasan-Dranahary tamiko: "Ry anakin'olo, rey ty olo ze mieritseritsy raha raty, noho manapa-kevitsy hieritseritsy raha raty amy ty tana toy.³Hozao tiasandrozy: 'Tsy fotoa fanamboara trano zao; tana toy ro valany, le tsika ro hena.'⁴Lafa zay le maminania hanohitsy androzy. Maminania ry anakin'olo."⁵Le nijotso tamiko ty Fanahin'Yaveh- le hozao tiasany amiko: " Volano hozao: Zao ty volan'Yaveh: araky ty fa nivolaninareo, ry longo ty Israely; fa haiko ty andohanareo ao.⁶Fa nampitombo ty olo ze novonoanareo tamy ty tana toy nareo sady nanatriky ty lalany bevata taminizay.⁷Lafa zay, le zao ty vola ty Tompo Yaveh: Ty olo ze novonoanareo, ze nampijaleanareo tanivo i Jerosalema teo ty fatiny, ro hena, le tana toy ro valany. Kanefa nareo handesy miala anivo ty tana toy.⁸Navaka ty mesobe nareo, le hanaday ty mesobe aminareo eo Zaho--- zay ty volan'Iaveh.⁹Handay anareo hiala anivo ty tana toy Zaho, sady hanenga anareo ho an-tana ty firenena rey eo, safe handay fitsara hanohera anareo Zaho.¹⁰Ho maty ty mesobe nareo. Ho tsarako amy ty faritsy ty tanin'Israely ao nareo le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh.¹¹Ty tana toy le tsy ho valany fiketrehanareo, ndra ho hena anain'izay ao nareo. Hitsara anareo amy ty faritsy ty tany Israely ao Zaho.¹²Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh, Azy raiky ze tsy norihinareo ty lalany rey sady tsy norihinareo ty liliny. Fe, ty lily ty firenena ze mihodidy anareo ro norihinareo."¹³Laha mbo naminany zaho,le maty i Pelatia anakilahin'i Benaia. Le niravoky nandohaliky zaho le nikoraky tamy ty feo mare nanao hozao: "Eee, ry Tompo Yaveh, handrava tanteraky ty ilany sisa amy Israely va Iha?"¹⁴Niavy tamiko ty safa Yaveh, nano hozao: ¹⁵"Ry anakin'olo, ty rahalahinao rey! Ty rahalahinao rey! Ty lahilahy ty fokoanao rey noho ty lonngon'Israely iaby! Ndrozy iaby rey ro nivolanindrozy nipetraky ta Jerosalema manao hozao: ' Lavitsy an'Yaveh ndrozy! Ty tany toy le namea anay ho hanagnay."¹⁶Lafa zay volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ndra fa nagnalaky androzy lavitsy ty firenena rey aza Zaho, sady ndra fa nampiparitaky androzy rey tamy ty tany teo aza Zaho, fe fipetraha masy ho ahindrozy naharitsy fotoa vitsy ty tany amy ty tany ze nandinandrozy Zaho.'¹⁷Lafa zay volano hozao: 'Zao ty vola ty Tompo Yaveh: Ho havoriko baka amy ty olo rey nareo, sady havoriko baka amy ty tany ze niparitahanareo nareo, le hameako anareo ty tanin'Israely.'¹⁸Le handeha any ndrozy le hangalaky ty raha mampangaroharo iaby noho ty fahavetaveta iaby amy toera zay.¹⁹Hanome androzy fo raiky Zaho, sady hanenga fanahy vaovao amindrozy ao. Halako amy ty nofitsindrozy rey ao ty fo vato le hameako fo nofitsy ndrozy,²⁰mba hagnorihandrozy ty lalako, hagnorihandrozy ty liliko noho hananovandrozy anizay. Le ho oloko ndrozy, le ho Ndranaharindrozy Zaho.²¹Fe hoahy ty ze mandeha am-pitiava mandeha amy ty raha mampangaroharo rey noho ty fahavetavetany, le handesiko ho an-dohandrozy avao ty fombany--- zay ty vola ty Tompo Yaveh."²²Nanondrotsy ty elatsiny noho ty laro ze tanilandrozy rey teo ty kerobima, le tanabonirey ty voninahitsy azy Ndranaharin'Israely iny.²³Le niakatsy baka anivo ty tana noho nitsanga tam-bohitsy tan-tinana ty tana teo ty voninahitsy Yaveh.²⁴Nanondrotsy ahy ty Fanahy le nanday ahy ta Kaldea tany, tamy ty voasesitany, tamy ty fahita baka amy ty Fanahin-Dranahary, noho ty fahita ze nihitako niakatsy baka amiko teo.²⁵Le nivola tamy ty voasesitany ty rahan'Yaveh iaby ze nihitako zaho.

Chapter 12

¹Niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozo: ²"Ry anakin'olo, iha le mipetraky anivo ty tariha ty mpamaliky, ze mana maso fagnentea fe tsy magnenty; sady mana sofy hijanjina fe tsy mijanjy, safe tariha ty mpamaliky ndrozy. ³Lafa zay laha aminao, ry anakin'olo, le omano ty entanao ho amy ty sesitany, le manomboha miboaky amy ty andro mazava imasondrozy eo, fa Zaho le hisambotsy anao imasondrozy rey eo baka amy ty fipetrahanao handeha amy toera hafa. Vasa manomboky hahita ndrozy, ndra tariha mpamaliky aza. ⁴Handesinao amy ty andro mazava imasondrozy eo ty entanao ho amy ty sesitany; lafa hariva miboaha imasondrozy amy ty fomba fandina ty olo ho amy ty sesitany. ⁵Mandoaha lavaky amy rindry imasondrozy eo, le mandehana amizay eo. ⁶Imasondrozy rey eo, akaro ho an-tsorikinao ty entanao, le andeso amy ty maiky rey. Lombofo ty vatanao, fa tsy tokony hahita tany zay iha, safe nengako ho famantara ho ahy ty longon'Israely iha." ⁷Le nanoviko zay, araky ty nandidiany ahy. Nandesiko niboaky tany andro mazava ty entako ho amy sesitany, le lafa haly le nandavaky lavaky tany ty tana amy rindry eo zaho. Nandesiko tany ty maiky entako rey le nampiakariko tan-tsoroko tamasondrozy teo zay. ⁸Lafa maray le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozo: ⁹"Ry anakin'olo, vasa ty anak'Israely, zay ty tariha ty mpamaly zay, tsy nanontany hozo: 'Ino va ty anovinao?' ¹⁰Volano hozo ndrozy: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: ty asa faminania toy le mikasiky ty mpanjaka an'iJerosalema, noho ty longo ty Israely iaby ze anivondrozy eo.' ¹¹Volano hozo: 'Famantara ho ahinareo Zaho. Araky ze fa nanoviko ro hanovy amindrozy; ho amy ty sesitany ty fahagadra ndrozy.' ¹²Ty mpanjaka ze amindrozy eo le hampiakatsy ty entany an-tsorokiny eo lafa maiky, sady handeha amy ty manda. Handavaky amy rindry eo ndrozy sady handay ty entandrozy hiboaky. Hanaro ty tarehiny ie, le tsy hahita azy tany zay ty masony. ¹³Haparitako amy ty haratoko sady ho tratsy amy ty fandriko ie; bakeo handesiko a Babylona any, azy tany Kaldeana ie, fa tsy hahita anizay. Ho maty any ie. ¹⁴Haparitako amy ty lala iaby avao koa azy mihodidy azy iaby le azy manatrika azy noho ty miaramilany iaby, sady handefa mesobe hagnindy androzy Zaho. ¹⁵Bakeo ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh, lafa haparitako amy firenena rey ndrozy sady haparitako heniky ty tany rey. ¹⁶Fa hiferinay olo kelikely amindrozy rey Zaho amy ty mesobe, mosary, noho ty arety mandripaky, mba hanajary ty fahavetavetandrozy iaby amy ty tany ze hangalako azy ndrozy, le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh." ¹⁷Avy tamiko ty safa Yaveh, manao hozo: ¹⁸"Ry anakin'olo, amy ty fangitikitiha ro ihinanao ty mofonao, le inomo amy ty fangitikitiha ty havaka ty ranonao. ¹⁹bakeo volano hozo amy ty olo ty tany: 'Ty Tompo Yaveh le mivola zao mikaiky ty mpipetraky a Jerosalema, noho ty tanin'Israely: Hihina ty mofony amy ty hitikitiky ndrozy sady hino ty ranondrozy amy ty hitikitiky, safe ho foa amy ty fanatrsha ty tany noho ty habaliha ty mpipetraky ao. ²⁰Le ho haolo ty tana ze tsy misy mpipetraky sady ho maiky azy tany zay; le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh." ²¹Avy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, manao hizao: ²²"Ry anakin'olo, ino ty ohabola ze ananareo amy ty tany Israely toy eo ze manao hozo: 'Mihalava ty andro, le tsy manjary ty fahita iaby?' ²³Lafa zay, volano hozo androzy: 'Ty Tompo Yaveh le mivola hozo: Ho faranako ty ohabola toy, sady tsy hampiasa anizay sasy ty olon'Israely.' Volano hozo ndrozy: 'Marikitsy ty andro lafa ho tanteraky ty fahita iaby.' ²⁴Fa tsy hisy fahita ho diso sasy ndra sikily soa amy ty longon'Israely ao. ²⁵Fa Zaho ro Yaveh! Mivola Zaho, sady manao ze safa fa nivolaniko. Tsy ho tara sasy ty fa nivolaniko rey. Fa hivola zay safa zay Zaho amy ty andronareo, ry tariha ty mampaliky, sady hanao anizay!--- zay ty vola ty Tompo Yaveh." ²⁶Avy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, manao hozo: ²⁷"Ry anakin'olo! Ingo, ty longon'Israely le nivola hozo: 'Manomboky henanizao ty fahita ze nihitany le ho amy ty andro lako, sady maminany amy ty fotoa mbo ho ela ie.' ²⁸Lafa zay le volano hozo ndrozy: 'Ty Tompo Yaveh le mivola hozo: Safako rey le tsy ho tara sasy, fa ty safa ze nivolaniko le hanivy--- zay ty vola ty Tompo Yaveh.'"

Chapter 13

¹Niavy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, manao hozo: ²"Ry anakin'olo, maminania mandilatsy ty mpaminany ze maminany an'Israely rey, le volano amy ze maminany araky ty eritserindrozy manoka hozo rey: 'Janjino ty safa Yaveh. ³Zao ty vola ty Tompo Yaveh: Loza hoahy ty mpaminany misasy gegy rey ze manoriky ty fanahiny avao, fe tsy nahita ndra ino ndra ino! ⁴Ry Israely, azy mpaminaninao rey le manahaky alika ly amy ty tany maiky eny.⁵Tsy nandeha handrava ty rindry mihodidy ty longon'Israely iha mba hanamboara anizay, mba hiaritsy amy ty aly amy ty andron'Yaveh. ⁶Mana fahita diso ty olo sady manao faminania sandoky, azy ze mivola hozo rey: "Hozo ho zao ty volan'Yaveh." Tsy naniraky androzy rey Yaveh, fe ndra zay aza ndrozy rey le nampitama ty olo fa ho tanteraky ty hafatsin-drozy rey. ⁷Mbo tsy nana fahita diso va iha sady nanao faminania sandoky, iha azy mivla hozo: "Hozo hozo ty volan'Yaveh" nefa Vata-tenako aza tsy nivola?"⁸Lafa zay le zao ty vola ty Tompo Yaveh: 'Safe nareo fa nana fahita diso noho nivola vandy--- lafa zay le zao ty vola i Tompo Yaveh hanohera anareo: ⁹Hanisy ty mpaminany ze mana fahita vandy noho ze manao faminania sandoky ty tanako. Tsy ho amy ty fiangona ty oloko, na ho sorata anara amy ty boky ty longon'Israely ao ndrozy; tsy handeha amy ty tany Israely any ndrozy rey. Fa ho hainareo fa Zaho ro Tompo Yaveh!¹⁰Lafa zay moa, sady safe ndrozy ro nitao ty oloko tamy ty lalan-diso le nivola hozo: " Fiadana!" nefa tsy nisy fiadana zao, le namboatsy rindry ze ho lalorandrozy amy ty loko foty ndrozy." ¹¹Volano hozo amindrozy ze mandalotsy rindry: 'Hiravoky zay; hilatsaky mare ty ora, sady handefa havandra Zaho mba hampiravoky anizay. ¹²Ingo, hiravoky ty rindry. vasa tsy nivola hozo taminareo ty hafa: "Aiz ty lalotsy foty ze nanovinareo tamy toy?"¹³Lafa zay le hozo ty voa ty Tompo Yaveh: Amy ty heloko ro hanandesako tsioky mare, sady hisy tondra-drano amy ty heloko! Ty havandra ro vatany handrava anizay amy ty heloko. ¹⁴Fa handravarava ty rindry ze nolongofanareo tamy ty lalotsy foty Zaho, sady handrava anizay amy ty tany sady hampiharihary ty fanambaniany. Le hiravoky zay, sady nareo iaby ho rava anivonizay eo. Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ¹⁵Amy ty heloko ro handravako ty rindry noho azy mandalotsy azy iaby. Hivola hozo aminareo Zaho: "Tsy misy sasy ty rindry, ndra ty olo zay nandalotsy azy---" ¹⁶mpaminany tiahin'Israely ze naminany mikasiky an'i Jerosalema rey noho nana fahita fiadana ho tiazy. Kanefa tsy nisy fiadana! ---zay ty vola i Tompo Yaveh."¹⁷Le iha, ry anakin'olo, hampanatrefiko ty anakam-pela ty olonao ze maminany araky ty eritreritsin-drozy manoka ty vatanao, le maminania manohitsy androzy. ¹⁸Volano hozo: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Loza hoahy ty ampela mitrebiky rey aoly mahaso vinta amy ty faritsy ty tanany iaby sady manao voaly araky ty habe sambihafa hoahy ty lohandrozy, ampiasay hitanjaha olo. Hihaza ty oloko va nareo mba hanavota ty aianareo?"¹⁹Fa tsy nampisy dikany Ahy tamy ty oloko tamy vary hordea tana raiky noho ambinamby ty mofo nareo, mba hamonoa olo ze tsy tokony ho maty , sady hitanja ty aindrozy ze tsy tokony hiay sasy, noho ty vandinare tamy ty oloko ze nahare anareo.²⁰Lafa zay le zao ty vola i Tompo Yaveh: Zaho le manohatsy ty aoly mahaso vinta ze nampiasanareo hamandrima ty ain'olo manahaky ty voro rey ndrozy. Handravarava anirey baka an-tananareo Zaho; le ty olo ze voafandrikinareo manahaky ty voro--- hanenga androzy handeha malalaky Zaho. ²¹Hanendaky ty voalinareo Zaho le hamonjy ty oloko an-tananareo eo, mba tsy ho voafandriky an-tananareo sasy ndrozy. Ho hainareo fa Zaho ro Yaveh.²²Safe mahavikky ty fo ty olo mary amy ty vandy, ndra tsy maniry ty fahakivia aza Zaho, safe nampahery ty fihetsiky ty olo raty fanahy rey nareo ho takalon'izay mba tsy handinany amy ty fombany mba hanavota ty ainy--- ²³lafa zay le tsy hana fahita diso nareo ndra hanohy hanao faminania sandoky sasy, safe hamonjy oloko hiboaky baka an-tananareo rey Zaho. Ho hainareo fa Zaho ro Yaveh.""

Chapter 14

¹agnanto ahy ty ilany tamy ty loholon'Israely rey le nipetraky talohako teo. ²Le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: " ³Ry anakin'olo, ty lahilahy rey le nandramby tanainy ao ty sampindrozy rey le nampipitiky ty vato fanameloha ty fahadisoandrozy niatriky ty vatandrozy. Tokony anontania ndrozy amiko iaby va kila raha iaby zay?⁴Lafa zay le volano amidrozy zay sady volanao hozao ndrozy: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ty olo iaby amy ty longon'Israely ze mangalaky ty sampiny anainy ao, ndra mengenga vato fanameloha ty hadisoany aloha ty vatany eo, le bakeo magnanto mpaminany---Zaho, Yaveh, le hamaly azy araky ty isaky ty sampiny. ⁵Hanoviko zay mba hanampollianako ty longon'Israely anaindrozy rey eo azy nala lavitsy tamiko teo tamy ty alala ty sampindrozy. ⁶Lafa zay volano hozao amy ty longon'Israely: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Mifona le miala amy ty sampinareo! Omeo lambosy ty fahavetaveta nareo iaby. ⁷Ho ahy ty olo iaby baka amy ty longon'Israely noho ty vahiny iaby miegny a Israely ze mivaliky amiko ao, ze mandramby ty sampiny anainy ao le manenga vato mahavy heloky ty hadisoany aloha ty vatany eo, sady magnato ty mpaminany bakeo hila Ahy--- Zaho, Yaveh, mihintsy ro hamaly azy. ⁸Le hanontany an'olozay ty vatako sady hanao azy ho famantara noho ohabola, safe ho ravako tsy ho amy ty oloko ie, le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ⁹Laha misy mpaminany voaverivery sady mivola hafatsy, le Zaho Yaveh, ro hamerivery azy mpaminany zay; hanampatsy ty tanako aminy Zaho sady handrava azy amy ty Israely oloko eo. ¹⁰Hizaka ty hadisoany avao ndrozy; ty heloky ty mpaminany le hifanahaky amy ty fahadisoa ty mpanontany azy. ¹¹Lafa zay, le tsy hiala amy ty fagnoriha ahy sasy ty longon'Israely ndra handoto ty vatandrozy amy ty fandikan-lily iaby sasy. Ho oloko ndrozy, le ho Ndranaharindrozy Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹²Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ¹³"Ry anakin'olo, laha manota Amiko ty tany raiky amy ty fanaova ze hadisoa le hanampatsy ty tanako amizay eo Zaho sady hanapaky ty kobay ty mofony, sady handefa mosary amizay eo noho handrava ty olo noho ty biby amy ty tany eo; ¹⁴ndra lahilahy teo retia aza--- Noa, Daniela, noho i Joba---ro fa anivo ty zay zay eo, le tsy afaky hanavotsy ankoatsy ty aiany avao ndrozy amy ty fahamarinadrozy--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁵Laha mandefa biby ly masiaky heniky ty tany zay Zaho le mandrava anizay mba hanjary tany maiky le tsy afaky holika ty olo noho ty biby rey, ¹⁶le ndra amizay ao aza ty lahilahy telo rey--- laha mbo velo Zaho, hoasa i Tompo Yaveh--- le tsy ho afaky hanavotsy ndrozy ndra ty anakilahiny noho ty anakampelany aza; ty aindrozy avao ro ho avotsy, fa azy tany zay le hanjary tany haolo. ¹⁷Na manday mesobe amy tany zay Zaho le mivola hozao: 'Ry mesobe, mandina mheniky ty tany le ravao hiala amizay eo ty olo noho ty biby ly.' ¹⁸le ndra anivo ty tany zay eo aza ty lahilahy telo rey--- laha mbo velo Zaho, hoasa i Tompo Yaveh--- le tsy ho afaky hanavotsy ndrozy ndra ty anakilahiny noho ty anakam-pelany rey aza; ty aindrozy avao ro havota. ¹⁹Ndra lafa mandefa arety mandripaky amy ty tanny io aza Zaho sady mandraky ty heloko amizay eo amy ty alala ty fandatsahan-dio, mba handrava ty olo noho ty biby ly, ²⁰le ndra amy tany zay ao aza i Noa, Daniela, le i Joba--- le tsy ho afaky hanavotsy ndrozy ndra ty anakilahiny noho ty anakam-pelany aza; ty aindrozy avao ro ho avotsy noho ty fahamarinan-drozy. ²¹Fa zao ty vola i Tompo Yaveh: Azo antoky fa hanovikob miharaty ty toe-draharaha amy ty alala ty fandefasako ty fanasaziako efatsy--- mosary, mesobe, bibi ly, noho arety mandripaky--- amy i Jerosalema mba handrava ty olo noho ty biby ly aminy eo. ²²Kenefa, ingo! Hisy ho enga aminy eo, ty ilany sisa velo hiboaky miarakany amy ty anakilahy noho ty anakam-pela. Ingo! Hiboaky ho aminy any ndrozy, sady hahita ty fomba fihetsikin-drozy iha le hiegny mikasiky ty fanasazia ze fa nalefako ta Jerosalema, noho ty mikasiky ty raha hafa iab ze nalefako tamy ty tany. ²³Azy sisa velo rey le hampiono anareo lafa hitanareo ty fomba noho ty fihetsindrozy, le ho hainareo ty kila raha iaby fa nivitako taminy, fa tsy nanoviko raha fatany rey!--- zay ty vola i Tompo Yaveh."

Chapter 15

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: ²"Ry anakin'olo, ino va ro maha soa ty taho ty voaloboky lako mandilatsy ty hazo iaby misy rantsany ze amy ty hazo iaby an'ala any? ³Mangalaky hazo baka amy ty tahom-boaloboky va ty olo mba hananova raha? Na manao fanantona baka amizay mba hanantonan-drozy raha? ⁴Ingo! Laha hatoraky an'afo ao hatao hata zay, sady laha mandoro ty sisiny roe noho ty anivo ty afo eo,mbo soa hananova raha va zay?⁵Ingo! Lafa tanteraky zay, le tsy afaky hanaonva ndra ino ndra ino; azo antoky bakeo fa, lafa hirehitsy azy afo iny, le tsy mbo azo anaova ndra ino ndrerra ino zay. ⁶Lafa zay i Tompo Yaveh le mivola hozao: Tsy manahaky ty hazo an'ala , fa nanome tahom-boaloboky ho hata ty afo Zaho; hanao manahakizay koa Zaho amy ty mpipetraky a Jerosalema.⁷Fa hanohitsy androzy rey ty vatako. Ndra miboaky baka amy ty afo ao aza ndrozy, le handrava androzy ty afo; le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh, lafa nanohitsy androzy rey ty vatako. ⁸Bakeo nataoko amy ty tany fofa azy tany iny safe nanota ndrozy--- zay ty volan'Yaveh."

Chapter 16

¹Le avy tamiko ty volan'Yaveh, manao hozo: ²"Ry anakin'olo, ampianaro ty mikasiky ty fahavetaveta i Jerosalema rey, ³sady volano hozo: 'Zao ty vola i Tompo Yavehamy Jerosalema rey eo: Ty fiandohanao noho ty nahaterahanao le tamy ty tany Kanana ao; Amorita ty babanao, le Hetita ty reninao. ⁴Amy ty andro faharetanao, le tsy hanapaky ty talim-poitsy anao, na nanasa anao tamy ty rano na nanasa anao tamy ty ranon-tsira, na nanafotsy siky mihodidy anao ty reninao. ⁵Tsy nisy maso niferinay anao ka nanao raha rey taminao, mba niferinay anao. Tamy ty andro niterahanao, niaraky tamy ty fankahala hoahy ty fiainanao, le natoraky tamy ty baobo malalaky iha. ⁶Kanefa Zaho nandrio taminao teo, le nahita anao nihoson-dio; le hozo tiasako aminao: "Miveloma!" hoasako taminao tamy ty lionao manao hozo: " Miveloma!" ⁷Nampitomboako manahaky ty voly am-baiboho iha le nihabevata, le nanjary ravaky ty ravaky an-tana. Nitiry nono iha, le niha-natevy ty volonao, ndra mihalo noho tsy an-tsiky aza iha. ⁸Nandrio taminao teo ndraiky Zaho, le hitako Iha. Ingo! avy taminao ty fotoa ty fitiava, ka namelatsy ty sikoko taminao Zaho sady nanaro ty rahanao. bakeo le nifanta taminao Zaho sady nanday anao tamy ty fanenkea zay ty vola i Tompo Yaveh—le nanjary Tiahy Iha. ⁹Le nanasa anao tamy ty rano noho nanasa ty lio taminao Zaho, sady nanosotsy soliky anao. ¹⁰Nampisikiniko tamy ty siky misy peta-kofehy rey iha sady nasiako kaa holitsy ty tombonao. Nolongofako tamy ty rongony foty maliniky iha sady nolonngofako tamy ty landy. ¹¹Bakeo le niravahako tamy ty firavaky iha, le nasiako posin-tana ty tananao, sady ty ravaky maliniky ty vozona. ¹²Nasiako kiviroy anoro ty oronanao sady kiviroy an-tsofy ty sofinao, sady ty satro-boninahitsy soa tanabo ty lohanao. ¹³Le voaravaky tamy ty volamena noho ty volafoty iha, sady nisiky rongony foty maliniky, landy, sady siky misy peta-kofehy; nihina koba matify iha, tantely, le soliky, le vatany ampela soa iha, le nanjary mpanjaka ampela. ¹⁴Niparitaky tamy ty firenena rey noho ty hasoanao ty lazavanao, safe tongalafatsy tamy ty fiandriana ze nameako anao iha— zay ty vola Yaveh. ¹⁵Fa nitama ty hasoanao iha, le nanao manahaky ty makorely noho ty fahalazanao; nampisera ty maha makorelinao tamy ty ze nandrio iaby iha, le niazony koa ty hasoanao. ¹⁶Bakeo le namotaky ty sikinao iha sady nanamboatsy fipetraha anabo nipozia tamy ty kila loko tamirey ho ahinao, le tao iha ro nanao ty maha makorely anao. Tsy tokony nihoaky zay. Ndra tokony tsy hisy ty raha manahaky zay. ¹⁷Napotaky ty firavaky matify vita baka amy ty volamena noho ty volafoty ze nameako anao, le namboatsy sarin-dehilahy ho ahinao iha, le nanao manahaky ty ze anoviny ty makorely tamy rey. ¹⁸Napotanao ty siky misy peta-kofehy le nilongofanao anirey, le nenganao taloha ty soliko noho ty raha manitsiko rey. ¹⁹Ty mofa ze nameako anao— vita baka amy ty koba matify, soliky, noho ty tantely—le nenganao talohanirey teo mba ho hanitsy ankasitaha, fa zay ty raha niseho— zay ty vola i Tompo Yaveh. ²⁰Bakeo le nalanao ty anakilahinao noho ty anakam-pelanao ze nateranao ho Tiahy, le nanovinao soro hoahy ty sary rey ndrozy mba hately manahaky ty hany. Vasa misy probolemo kely ty asa mahamakorely anao? ²¹Novonoanao anako rey le nampilirinao tamy ty afo ato. ²²Tsy nieritseritsy momba ty andro fahatanoranao rey iha tamy ty fahavetavetanao noho ty asa maha makorely anao, tamy mbo tsy nisiky noho nihalo sady mbo nihoso tamy ty lionao. ²³Loza! Loza ho ahinao!—zay ty vola i Tompo Yaveh—lafa zay, ho fanovona ty haratiam-panahy iaby rey, ²⁴le nanamboatsy efi-trano anabo ho ahinao heniky ty kila tany iaby iha. ²⁵Namboatsy ty toera anabonao tan-doha ty lala iaby iha sady tsy nidary ty hasoanao, fa nanome ty vatanao hoahy ty mpandrio iaby iha sady nampitombo ty asa mahamakorely lako. ²⁶Nanao manahaky ty makorely niaraky tamy Egyptiana rey, ty mpiharo petraky aminao lako fila rey, sady nanao asa mahamakorely lako, nahameloky Ahy iha. ²⁷Ingo! hanisy anao amy ty tanako Zaho sady hampiegnny ty haninao. Homeako hoahy ty fahavalonao, le ty anakam-pela ty Felistiana, ze menatsy amy ty toetsy mamofadinao ty ainao. ²⁸Nanao manahaky ty makorely niaraky tamy ty Asyriana iha safe tsy nety afa-po. Nanao manahaky ty makorely iha sady mbo tsy nety afa-po avao. ²⁹Nampitombo asa mahamakorely lako tamy ty tany ty mpamarotsy i Kaldeana tao iha, sady ndra zay aza le tsy nahafa-po anao. ³⁰Manahaky ino ty fahararia ty fonao— zay ty vola i Tompo Yaveh— ro anaova kila raha iaby rey, le ty asa ty makorely tsy menatsy rey? ³¹Namboatsy ty toera anabonao tan-doha ty lala iaby iha sady namboatsy trano abo heniky ty kila tany iaby. Fe tsy manahaky ty mpandranto iha safe nanda handramby drala. ³²Iha ry ampela mpandranto, nanenky ty hafa iha laha tokonny ho valinao avao. ³³Ty olo le manome ndralla ty makorely iaby, fa iha koa le manome ty karamanao hoahy ty olo teanao iaby noho namitaky androzy mba ho avy aminao ao hoahy ty manodidy iaby hoahy ty asa mahamakorely anao. ³⁴Le misy maha samby hafa aminao noho ty ampela hafa rey, safe tsy misy olo magnato anao mba hangataky anao hiaraky handry amindrozy. Fe ,mandoa drala amindrozy rey iha. Tsy misy olo mandoa drala aminao. ³⁵Lafa zay, ry makorely, janjino ty safe Yaveh. ³⁶Yaveh Tompo ro mivola hozo: Safe iha mampisera ty rahanao noho nampitombo ty faritsy mamofadinao tamy ty asa mahamakorely niaraky tamy ty olo teanao iaby sady niaraky tamy ty sampy vetaveta iaby, le noho ty lio ty anakinao ze nameanao ty sampinao rey, ³⁷lafa zay, ingo! hamory ty olo teanao iaby ze niarahanao, azy teanao iaby rey noho ty halanao, le hamory androzy

hanohitsy anao amy ty kila raha iaby Zaho. Hampitro ty faritsy mamofadinao amindrozy rey Zaho mba hahitandrozy ty rahanao iaby.³⁸ Fa hanasazy anao amy ty fandrantoa noho ty fandatsahan-dio Zaho, sady handay ty lio ty heloko noho ty farahiko aminy eo.³⁹ Hasesy an-tana-ndrozy eo iha mba hanontandrozy ty efitsy tranonao abo noho handravan-drozy ty toeran'abonao sady hamotaky ty sikinao noho hangalakany ty firavakinao iaby ndrozy. Hengandrozy tsy hisiky noho hihalo iha.⁴⁰ Bakeo le handay olo hanohitsy anao noho hitoraky anao amy ty vato Zaho, le ho tapatapahandrozy amy ty mesobendrozy iha.⁴¹ Handoro ty tranonao ndrozy sady hampitombo ty sazinao imaso ty ampela lako rey, fa hanapitsy ty mahamakorelinao Zaho, le tsy handoa drala amy ty olo teanao sasy iha.⁴² Bakeo le handefitsy ty heloko aminao Zaho; hiala aminao ty heloko, safe ho afa-po Zaho, le tsy ho meloky sasy.⁴³ Safe tsy nahatiaro ty andro ty fahatanoranao iha sady nampihozohozo Ahy tamy ty heloky noho ty kila raha iaby rey, lafa zay, ingo! Zaho mihintsy ro hampijotso ty sazy noho ty vitanao zay hoamy ty lohanao---zay ty vola i Tompo Yaveh. Vasa tsy nampiana hamakorely vasa ty fampianara mampangaroharo hafa iaby rey?

⁴⁴Ingo! Ze mivola ohabola mokasiky anao rey iaby le hivola hozao: " Manahaky ty reniny avao, le manahaky anizay avao koa ty anakam-pelany." ⁴⁵Anakam-pela ty reninao, ze nalay ty valiny noho ty anany iha, ady ty rahavavy ty rahavavinao ze nalay ty valiny noho ty anandrozy. Hetita ty reninao, sady Amorita ty babanao.⁴⁶ Ty zokinao talanolo ampela le i Samaria le ty anakam-pelany le azy ze mipetraky mbavaratsy any, laha ohaty ka mipetraky an-timonao ty rahavavy faravavinao, laha i Sodoma noho ty anakam-pelany.⁴⁷ Iha le tsy nandeha tamy ty lalan-drozy noho nangalakany tahaky ty fitondran-tenan-drozy noho ty fombandrozy avao iha, fa raty tamy ty fombanao iaby mandilatsy androzy rey iha.⁴⁸ Laha mbo velo avao Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- Sodoma rahavavinao noho ty anakam-pelany le tsy nanao raty lako manahaky anao noho ze vita ty anakam-pelanao.

⁴⁹Ingo! Zao ty fahota i Sodoma rahavavinao: niavonavo tamy ty halako ty haniny, tamy ty tsy fitandrema noho tsy fidaria mikasiky ty kila raha iaby ie. Tsy nanampy ty mijaly noho ty olo mila fagnampea ie.⁵⁰ Niavonavo noho nanao asa vetaveta tanatrehako teo ie, le nafahako araky ty hitanareo ndrozy.⁵¹ Samaria le tsy nanao ty antsasaky ty fahotanao mihintsy; iha ro nanao raha vetaceta lako mandilatsy ty nanovindrozy, sady nanatoro iha fa ty rahavavinao rey le soa mare mandilatsy anao noho ty raha vetaveta iaby ataonao! ⁵²Iha raiky avao, ro nampitorro ty rahanao; tamy fomba zay ro nampitroanao fa ty rahavavinao rey le ampela soa mare mandilatsy anao, noho ty fahota ze nannovinao tamy ty fomba vetaveta iaby rey. Azy rahavavinao rey henanizao le ampelaso mandilatsy anao. Iha raiky avao ro nanatoro ty rahanao, le tamy zay fomba zay ro nanatoro fa ty rahavavinao rey le ampela soa mandilatsy anao.⁵³ Fa hampipoly amy ty pilasiny ty hanagnandrozy rey Zaho--- azy hanagna i Sodoma noho ty anakam-pelany, sady ty hanagna i Samaria noho ty anakam-pelany; fa ty hanagnao rey koa le ho amindrozy.⁵⁴ Amy reha rey ro hanatoroanao ty henatsinao; ho latsa-baraka noho ty raha vitanao iaby rey iha, le amy fomba zay e ho fampionona hahindrozy rey iha.⁵⁵ Le i Sodoma rahavavinao noho ty anakam-pelany le ho ampoly amy ty toetsindrozy taloha, le i Samaria noho ty anakam-pelany le ho ampoly amy ty hanagnany taloha teo. Bakeo iha noho ty anakam-pelanao ho ampoly amy ty fombam-piainanao taloha teo.

⁵⁶Sodma rahavinao le tsy voatono ty vavanao mihintsy tamy ty andro nirengerengeanao, ⁵⁷taloha ty nanambara ty haratianao rey. fa henany zao le marikitsy fahafaham-baraka amy ty anakam-pela i Edoma noho amy ty anakam-pela i Filistina manodidy iaby rey iha. Tsy mampisy dikany anao iaby ty olo.⁵⁸ Hampitro ty henasinao noho ty asa vetavetanao iha! --- zay ty volan'Yaveh!⁵⁹ Zao ty vola i Tompo Yaveh: Hifanarakany aminao araky ze maeva anao Zaho, iha ze tsy nampisy dikany ty voadinao tamy ty fandrava ty fifanenkea.⁶⁰ Fa Zaho mihintsy ro hampahatiaro ty fifanenkeako taminao ze nanovy tamy ty andro ty fahatanoranao, sady hanao fanenkea tsy manam-pahatampera miarakany aminao Zaho.⁶¹ Sady hahatiaro ty fombanao rey iha le ho menatsy lafa handra,by ty zokinao ampela noho ty zainao ampela. Hameako anao manahaky ty anakam-pela ndrozy, fe tsy noho ty fanenkeanao.⁶² Zaho mihintsy ro hanao ty fanenkeako miarakany aminao, le hahay iha fa Zaho ro Yaveh.⁶³ Noho raha rey, le hahatiaro ty kila raha iaby iha le ho menatsy, sady tsy hamoha ty vavanao mba hivola sasy iha noho ty henatsinao, lafa manenga anao tamy ty nanovinao iaby Zaho---zay ty vola i Tompo Yaveh."

Chapter 17

¹Avy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, manaova fanompoa sady mivolana fanohara amy ty longon'Israely. ³Volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Nisy voro mahery bevata ze mana elatsy bevata noho ty volo elatsiny lava, atrikey vorom-boro, sady maro loko nandeha Libanona le nihanto tamy ty tendro ty hazo sedera teo. ⁴Nanapaky ty tendro ty ravy amy ty taho zay sady nanday ty tany amy ty tany Kanana; namboly anizay tamy ty tana ty mpamarotsy rey ie. ⁵Nangalaky ty voa ty tany lakolako avao koa ie sady namboly anizay tamy ty tany mahavokatsy. Nenga tanila ty vatan-drano bevata manahaky ty hazo mahaferinay ie. ⁶Le nitiry le nanjary filalia ty voaloboky mabany amy ty tany zay. Tahony rey le niodiky taminy teo, le fakany rey nitombo tambaninizay teo. Le nanjary voaloboky noho namokatsy taho zay le nampiboaka tahony. ⁷Fa nisy voromahery bevata hafa koa le mana elatsy bevata noho vorom-boro lako. Ingo! Ty voaloboky toy le nampiodaky tamy ty fakany tamy ty voromahery, sady namelatsy ty tahony rey tammy ty voromahery baka amy ty fitoerany zay fa nambolea zay mba ho tndra zay. ⁸Nambolea tamy ty tany soa anila ty vatan-drano bevata zay le afaky manaboaky tahony noho mampitiry vokatsy, mba hanjary voaloboky soaso. ⁹Volano hozao amy ty olo: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ho tahia va zay? Tsy homboka amy ty fakany noho hendahy amy ty voany mba halazo va zay, sady mba halazo ty anany iaby? Tsy hisy sandry mahery na olo lako ila mba hanombotsy anizay amy ty fakany. ¹⁰Le ingo! Ndra nambolea aza zay, le hitiry va? Tsy halazo va zay lafa mikasiky azy ty tioky baka an-tinana? Le vatany halazo amy ty tetindratsiny zay. ¹¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ¹²"Volano amy ty tariha ty mpamaliky hoe: 'Hainareo va ty dika ty raha rey? Ingo! ta Jerosalema tao ty mpanjaka tiahy Babylona le nangalaky ty mpanjaka noho ty tariha ty mpanjaka le nanday androzy tamy tany Babylona agny. ¹³Le nanday tariha ty mpanjaka ie, nanao fanenkea tamy ty fiaina. Nampiboaky ty olo rey tamy tany teo ie, ¹⁴mba ho ambany ty fanjaka fa tsy hiakatsy. Amy ty fitandrema ty fanenkeany ro hahavelo ty tany. ¹⁵Fa ty mpanjaka ty Jerosalema le tokony hanohitsy azy tamy ty fandefasa ty maso ambaliky ho a Egipta any mba hahazo soavaly noho miaramila. Hahatanteraky va ie? Hilay va ty manao raha rey? Laha mamaliky ty fifanaraha ie, le hilay va? ¹⁶Laha mbo velo avao Zaho!--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- le ho maty amy ty tany ty mpanjaka zay manao azy mpanjaka vatany ie, azy mpanjaka ze tsy nampiasiany dikany ty fiainany, sady azy nivalihany ty fanenkeany. Ho maty anivo i Babylona eo ie. ¹⁷Farao noho ty miaramilany mahery sady ty fivoria ty olo lako ho amy ty aly le tsy hiaro azy an'ady any, lafa mamboatsy arotsatoky tongoan-tany noho aritsatoky rindry handrava olo lako ty miaramila i Babylona. ¹⁸Fa tsy nampisy dikany ty fiainany tamy ty famaliha azy fanenkea iny ty mpanjaka. Ingo, fa nanampatsy ty tanany hanao fampanantena ie sady fa nanao raha iaby rey. Tsy hilay ie. ¹⁹Le zao ty vola i Tompo Yaveh: Laha mbo velo avao koa Zaho, tsy ty fifantako va ro tsy nampisiany dikany sady ty fanenkeako ro nivalihany? Le handay ty saziny ho amy ty lohany eo Zaho! ²⁰Hanaparitaky ty haratoko aminy eo Zaho, le ho tratsy ty harato fihazako ie. Le handay azy a Babylona noho hanatanteraky ty fitsara aminy any Zaho hoamy ty famaliha ze nanoviny laha namaliky Ahy Ie! ²¹Ty fialofany iaby amy ty miaramilany le ho maty ty mesobe, le azy ze mipetraky le haparitaky amy ty lala iaby. Le ho haianao fa Zaho ro Yaveh; Zaho ro nivola fa hiseho zay. ²²Zao ty vola i Tompo Yaveh: 'Le vata-tenako mihintsy ro hangalaky ty tahon-kazo anabo kaba amy sedera, le hamboly anizay amy ty taho malemy. Hanapaky anizay Zaho, le ty vatako ro hamboly anizay amy ty vohitsy anabo. ²³Hamboly anizay amy ty vohitsy Israely Zahole hitiry noho hamokatsy voa zay, le hanjary sedera malaza zay hipetraka ty voro mana elatsy iaby zay. Hipetraky amy ty alokaloky ty tahony rey. ²⁴Le ho hay ty hazo iaby am-baibo any fa Zaho ro Yaveh. Manambany ty hazo anabo sady manondrotsy ty hazo ambany Zaho. mampalazo ty hazo voatondraky Zaho sady mampitiry ty hazo maiky. Zaho ro Yaveh, fa nivolaniko fa hiseho zay; sady fa nanao anizay Zaho."

Chapter 18

¹Avy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, manao hozao: " ²Ino va ty teanao ho volany, iha ze mampiasa ty ohabola mikasiky ty tanin' Israely zay sady manao hozao: ' Ty raiky le mihina voaloboky madiro, le ty hy ty anaky le natao maranitsy"? ³Laha mbo velo avao Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh---tsy hisy fahalala ho ahinao hampiasa ty ohabola ahin'Israely toy sasy. ⁴Ingo! Ty fiaina iaby le Tiahy---ty fiaina ty baba manahaky ty fiaina ty anaky, Tiahy ndrozy! Ty fanahy raiky manota ro ho maty!⁵Ino ro koa ty azo ivolana ty mikasiky ty olo ze to noho ze manatanteraky ty rariny noho ty hato---⁶ laha tsy homa amy ty vohitsy na nanondrotsy ty masony amy ty sampy ty longon'Israely ie, sady tsy mandoto ty mpiharo petraky amy ty valiny, ndra marikitsy ty fiavia ty liony, lahilahy to va ie?⁷Ino ty azo ivolana mikasiky ty lahilahy tsy mampijaly ndra ia ndra ia, sady mampipoly ty mpitrosa ze nenga ho fiarova hoahy ty findrama drala ie, sady tsy mangalatsy fa manome ty haniny hoahy ty mosary noho manaro ty mihalo amy ty sikiny, olo to va ie? ⁸Ino ty azo ivolana ty olo tsy mangalaky tombony anabo mare amy ty drala indraminy, sady tsy mangalaky lako mare amizay avarony? Nivola ty mikasiky azy fa nanday ty rariny noho nametraky fahatokia amy ty olo eo ie. ⁹Laha mandeha amy ty lalako azy olo zay le mitanjaky ty liliko mba hiasa amy ty fahatokia, le zao ty fampanantena hoahy ty olo to toy: " le vatany ho velo ie---zay ty vola i Tompo Yaveh.¹⁰Fa ohaty hoe mananan'aky mahery loha ze mandatsaky lio noho manao raha lako amy ty raha nitanisa tetoa rey ie¹¹ ndra tsy nanao ty raha rey aza ty babany, fa mihina amy ty vohitsy rey noho mamerivery ty mpiharo betraky amy ty valiny ie, ino ty azo ivolana ty momba azy?¹²Mampijaly ty mijaly noho mila fanampea azy olo zay, sady mangalatsy noho mandrava ie, sady tsy manampoly ty fifanaraha , le nanondrotsy ty masony amy ty sampy rey noho manao asa mampangaroharo,¹³ sady mampidrosa ndrala lako mare ie le mangalaky tombony lako mare amy ty ze avarony, tokony ho velo cva olo zay? Azo antena fa tsy ho velo! Le vatany ho maty ie le ty liony le ho aminy eo safe nanao raha mampangaroharo iaby ndrozy.¹⁴Fa ingo! Eritsereto fa misy olo miteraky anakilahy, le ty anakilahiny le mahita ty fahotany iaby ze anovy ty babany, sady ndra hitany aza rey, le tsy nanao raha rey ie. ¹⁵Tsy nihina amy ty vohitsy rey azy anakilahy zay, sady tsy mampiakatsy ty masony amy ty sampy ty longon'Israely rey, noho tsy mamerivery ty mpiharo petraky amy ty valiny, ino tyazo ivolana mikasiky azy?¹⁶Tsy mampijaly ndra ia ndra ia ty anaky zay , ndra manao fifanaraha, ndra nangalaky raha nangalaky, fe manome hany hoahy ty mosary noho manafotsy ty mihalo amy ty sikiny. ¹⁷Tsy mampijaly ndra ia ndra iandra mitrosa ndrala lako mare ndra mangalaky tombony lako mare amy ty fitsrosa drala azy anakilahy zay, fe manday ty lalako noho manoriky ty liliko; tsy ho maty noho ty fahota ty babany azy anakilahy zay:azo antoky fa ho velo ie!¹⁸Safe mampijaly ty hafa amy ty hery noho mandrava ty rahalahiny, sady manao ze tsy mety amy ty olo eo, ty babany---Ingo ho maty amy ty fahadisoany ie. ¹⁹Fa iha mivola hozao: 'Nanino azy anakilahy iny ro tsy manday ty hadisoa ty babany?' Safe nanday fahitia noho fahamarina sady nitandry ty lalako iaby azy anakilahy iny; manao aniereo ie. Azo antoky fa ho velo ie!²⁰ Azy baba nanota iny, ro ho maty. Ty anakilahy le tsy handay ty fahadisoa ty babany, sady i baba tsy handay ty fahadisoa ty anakilahiny.Ty hato azy baba iny ze miasa soa le ho aminy avao, sady ty haratia ty raty fanahy le ho aminy avao.²¹Fa laha miala amy ty fahota iaby ze nanoviny azy raty fabahy iny, le mitandry ty lalako noho manao ty rariny noho ty hato, le azo antoky fa ho velo ie fa tsy ho maty. ²²Ty fandika ze fa nanoviny le tsy hampahatiarova azy. Hiay amy ty fahamarina ze anoviny ie.²³Falifaly amy ty fahafatesa ty raty fanahy va Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh---fa tsy amy fialany amy ty lalany mba hahazany miay?²⁴Fa laha miala amy ty fahamarina noho manota sady manao heloky manahaky ty fahavetaveta iaby fanao ty olo raty ty olo mady, le ho velo va ie? Ty fahamarina iaby ze fa nanoviny le tsy hampahatiarova sasy laha mamaliky Ahy amy ty fahamaliha ie.Le ho maty amy ty fahota ze nanoviny ie.²⁵Fa iha mivola manao hozao: 'Ty lala i Tompo le tsy ara-dala!' Janjino, ry longon'Israely! Tsy ara-dala va ty lalanareo? ²⁶Lafa miala amy ty fahamarinany ty olo to, sady manota le maty noho rey, le ho maty amy ty fahota ze nanoviny ie.²⁷Fa laha miala ammy ty faharatia ze nanoviny noho manao ty rariny noho ty hato ty raty fanahy, le havonjy ty fiainany ie. ²⁸Fa efa nahita sady niala tamy ty tsy fagnorihia lala iaby ze fa nanoviny ie. Azo antoky fa ho velo ie, sady tsy ho maty.²⁹Fa ty loongo tiahy Israely mivola hozao: 'Ty lala i Tompo le tsy ara-dala!' Amy fomba manao akory ro tsy maha ara-dala ty lalako, ry longon'Isarely? Ty lalanareo rey ro tsy ara-dala. ³⁰Lafa zay le hitsara ty lahilahy kiraikiraiky aminareo araky ty fonao Zaho, ry longon'Israely!--zay ty vola i Tompo Yaveh. Mifona le miala amy ty fandika lalanareo mba tsy ho vato misanka fahota aminareo ndrozy.³¹Afaho amy ty vatanareo rey ty fandikan-dala iaby ze fa nanovinareo rey; amorony fo vaovao noho fanahy vaovao ty vatanareo. Nanino iha ro tokony ho maty, ry longon'Israely?³²Fa tsy faly amy ty fahafatesa ze maty rey Zaho---zay ty vola i Tompo Yaveh---le mifona le miveloma!"

Chapter 19

¹Henany zao iha, manaova fitania hanohitsy ty mpitariky tiahy Isarely rey ²sady volano hozao: 'Ia va ty reninao? Liona vavy, niharo petraky tamy ty anaky liona ie; tanivo ty liona tanora, nikarakara ty anany rey ie. ³Ie azy nitaiza ty raiky tamy anany rey hanjary liona tanora, liona ze nianatsy nagnaramo ty azony, sady nihina olo ndrozy. ⁴Bakeo re ty firenena iaby ty mikasiky azy. Tratsy tamy ty fandrika androzy ie, le nandesindrozy tamy ty farango ho amy ty tany Egypta. ⁵Le nihitany fa ndra niamby ty fimpoliany aza ie, le tsy mitama sasy ie henanizao, le nagnalaky faha tamy ty anany rey ie le nitaiza azy hanjary liona tanora. ⁶Niodikodiky tanivo ty liona rey zay liona tanora zay. Liona tanora ie sady nianatsy nagnaramo ty azony rey; nihina olo ie. ⁷Nosambory ty tsy manambalin-drozy rey sady nosimbany ty tanan-drozy sady norava ty tanandrozy. Ty tany noho ty fiatrehany le nafoy noho ty feo ty fierotsiny. ⁸Fa avy hanohitsy androzy rey ty firenena baka amy ty faritsy ty tany manodidy; namelatsy ty haratony ndrozy tanabony ndrozy. Voasambotsy tanay ty haratondrozy ie. ⁹Tamy ty farango ro nananovandrpzy azy tamy ty fikadra sady nandesindrozy rey amy ty mpanjaka i Babylona ie. Nandesindrozy tamy ty fiarova mare ie mba tsy ho re amy ty vohitsy Israely sasy ty feony. ¹⁰TY reninao le manahaky ty voaloboky mitiry amy ty lionao anila ty rano ao. namokatsy zay le atsiky taho noho ty fitosaha ty rano. ¹¹Mare ty tahonizay ze fampiasa ho kobay ty mpanjaka, le ty habevatan'izay le nasondrotsy anabo ty tahoy, le ty hahabony le hita amy ty habe ty ravany. ¹²Fa nombota tamy ty heloky azy voaloboky iny sady natoraky tamy ty tany, le nisy tsioky baka an-tinana any nahamaiky ty vihiny. AZy tahony mare rey le tapatapaky noho malazo le ty afo ro nandrava androzy. ¹³Le henanizao le nambole an-tany efitsy zay, amy ty tany maiky nohobtsy misy rano. ¹⁴Fa afo ro niboaky baka amy ty tahony bevata le nampitranaky ty voany. Tsy misy taho mafy mare sasy amizay, tsy misy kopay hanapaky.' Fitania zay sady ho hira manahaky ty hira fisaona,"

Chapter 20

¹Le tamy ty faha fito tao, tamy ty fahafolo ty andro ty vola ahalimy, le niavy ty ben'Israely hanontany an'Yaveh l nipetaky talohako teo.²Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: "Ry anakin'olo, volano amy ty ³ben'Israely sady volano hozao ndrozy: "Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Avy hanontany Ahy ahy va iha? Laha mbo velo avao Zaho, le tsy hanontaniana! — zay ty vola i Tompo Yaveh.⁴Hitsara androzy rey va iha? Hitsara va iha, ry anakin'olo? Engaho ndrozy hahay ty fahavetaveta ty razany.⁵Volano androzy rey fa: 'Yaveh Tompo mivola hozao: Tamy ty andro ze nitinginako an'Israely noho nampitsanganako ty tanako mba hifanta amy ty fifanta tamy ty tariha ty longon'Israely tariha ty longon'i Jakoba, noho nampahaizako androzy rey ty vatako tamy ty tany Egypta, lafa nampiakatsy ty tanako mba hifanta fifanta tamindrozy rey teo Zaho. Le hozao tiasako: "Zaho ro Yaveh Ndranaharinareo"—⁶tamy andro zay ro nananganako ty tanako mba hifanta fifanta tamindrozy reo teo fa handay androzy rey hiboaky baka amy ty tany Egypta ho amy ty tany ze fa nitinginiko soa hoahindrozy rey Zaho. Atsiky rorono noho tantely zay; zay ty firavaky soa mare amy ty kila tany iaby.⁷Hozao tiasako tamindrozy: "Ty olo kiraikiraiky engaho hanary ty raha mampangaroharo noho ty sampin'Egypta rey aloha ty masony eo. Ka mandoto ty vatanareo; Zaho ro Yaveh Ndranaharinareo."⁸Fe nivaliky tamiko ndrozy sady tsy nahefa nijanjy Ahy. Ty olo kiraikiraiky tsy nahefa nanary ty raha mampangaroharo taloha ty masony teo ndra nahafoy ty sampy ty Egypta, le tapa-kevitsy handraraky ty heloko amindrozy rey eo Zaho mba haha-po ty heloko amindrozy eo anivo ty tany Egypta. ⁹Niasa hoahy ty anarako Zaho mba hampisia dikany tamaso ty firenena ze nipetrahanany rey. Nampahaiziko tamasondrozy rey teo ty vatako, tamy ty fanandesa androzy niboaky kaba amy tany Egypta.¹⁰Le nandefa androzy niboay baka amy tany Egypta Zaho sady nanday androzy hoan-tany anefitsy.¹¹Le nameako androzy ty lalako sady nampahay androzy ty liliko, ze hahavelo ty olo laha magnoriky rey ndrozy. ¹²Nanome androzy ty Sabatako ho famantara ty Amiko eo nnoho ndrozy rey avao koa Zaho, mba hahazandrozy fa Zaho ro Yaveh ze manamasy androzy.¹³Nefa lafa tanefitsy tany ty tarihan'Israely le nivaliky hanohisy Ahy. Tsy nanoriky ty lalako ndrozy; fe , nanda ty liliko, ze hahavelo ty olo laha magnoriky anizay ndrozy. Le vatany tsy nampisy dikany ty Sabaktako ndrozy, le nivola Zaho fa harahako amindrozy anefitsy any ty heloko mba hahalany ritsy androzy. ¹⁴Nefa niasa hoahy ty anarako Zaho mba ho ampisia dikany imaso ty firenena rey zay, ze tamaso ty nanandesako androzy niboaky baka Egypta tao.¹⁵Le nampiakatsy ty tanako avao koa Zaho mba hifanta fifanta amindrozy anefitsy fa tsy handay androzy amy ty tany ze ho nameako androzy, le tany atsiky ronono noho tantely, ze firavaky soa mare amy ty kila tany iaby. ¹⁶Nifanta anizay Zaho safe tsy nsnorikky ty liliko ndrozy sady tsy nagnoriky ty lalako, sady tsy nampisy dikany ty Sabatako, safe nagnoriky ty sampy ty fony. ¹⁷Fa niferinay androzy tamy ty faharava ty masoko sady tsy nadrava androzy tamy tany an'efitsy tany Zaho. ¹⁸Hoasao tamy ty anakilahiny noho ty anakam-pelany tanefitsy tany: "Ka mandeha araky ty lala ty ray amandreninareo; ka mitandry ty liliny na tsy nampisy dikany ty vatanareo amy ty smpy. ¹⁹Zaho ro Yaveh Ndranaharinareo, mandina amy ty lalako; tandremo ty liliko le oriho rey. ²⁰Tandremo ty Sabatako masy mba ho famantara Amiko eo noho aminareo rey, mba hahazanareo fa Zaho ro Yaveh Ndranaharinareo."²¹Fa nivaliky tamiko ty anakilahiny noho ty anakam-pelany. Tsy nagnoriky ty lalako ndrozy na nidary ty liliko, ze mahavelo ty olo laha magnoriky rey ndrozy. Tsy nampisy dikany ty Sabatako ndrozy, le tapa-kevitsy handraraky ty heloko tamindrozy teo Zaho mba haha-po ty heloko tamindrozy rey tanefitsy tany. ²²Fe nampibio ty tanako Zaho le niada noho amy ty ty anarako, mba hampisia dikany amaso ty ty firenena ze tamasony ro nanaboahako ty Israely zay.²³Nanakatsy ty tanako mba hifanta amindrozy anefitsy ay avao koa Zaho, fa hamparitaky androzy amy ty fierenena iaby noho hanaparitaky androzy amy ty tany. ²⁴Nanapa-kevitsy hanao anizay Zaho safe tsy nanoriky ty liliko ndrozy, safe fa tsy nagnoriky ty lalako ndrozy sady tsy nampisy dikany ty Sabatako. Ty masony le nagnorikky ty sampy ty razany ndrozy.²⁵Lafa zay le nanome androzy ty lala ze tsy soa , noho lily ze tsy hahavelo androzy avao koa Zaho. ²⁶Nandoto androzy tamy ty fanomezan-drozy rey Zaho lafa nanao soro ty velohan-terakindrozy rey iaby noho nanoraky zay tamy ty afo ndrozy. Nanao anizay Zaho mba hampangitikitiky androzy le hahazany fa Zaho ro Yaveh!²⁷Lafa zay, ry anakin'olo, volano amy ty tarihan'Israely sady volano hozao ndrozy: "Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Tamizay avao koa ro nivola ty razanareo raty Ahy tamy ndrozy mbo tsy natoky Ahy. ²⁸Lafa nanday androzy hoamy ty tany ze nifantako fa homea androzy Zaho, sady ndra ombia ombia ndrozy hahita vohitsy abo noho hazo mitisy soa , le nanesy ty sorony ndrozy, nahameloky Ahy tamy ty fandainy ndrozy, sady tao avao koa ty nandoroandrozy ditin-kazonny manitsy noho naniliny fandainy finoma. ²⁹Le hozao tiasako androzy: "Ino va ty toera anabo ze anandesanareo fanday toy?" Le nikaiha hoe Bama ty anarany zisiky henanio.³⁰Lafa zay le volano amy ty longon'Israely manao hozao: "Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Nanino nareo ro nandoto ty vatanareo amy ty fomba ty razanareo? Le manino nareo ro manao manahaky ty makorely? ³¹Fa lafa manesy ty fandainareo nareo sady manenga ty anakilahinareo anay ty afo, manomboy amy andro io nareo le mandoto ty vatanareo amy ty

sampinareo iaby. Le manino Zaho ro tokony hanenga anareo hanontany Ahy, ry longon'Israely? Laha velo avao Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh---le tsy hengako hanontany Ahy nereho. ³²Ty hevitsy ze miforo an-dohanareo ao le tsy ho tanteraky mihintsy. Hozao tiasanareo: "engao zahay hanahaky ty firenena hafa, manahaky ty foko amy tany hafa ze manompo hazo noho vato ao." ³³Laha mbo velo avao Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh---le azo antoky fa hanjaka aminareo eo Zaho amy ty tana mahery, sandry mispndrotsy, sady heloky ze halatsaky aminareo.

³⁴Handay anareo hiala baka amy ty olo hafa Zaho sady hamory anareo baka amy ty firenena tany ty nampiparitahy anareo. Hanao anizay amy ty tana mahery noho amy ty heloky nararaky Zaho. ³⁵Le handay anareo ho anefitsy ty olo Zaho, sady tsarako mivanta any nareo. ³⁶Manahaky ty nitsarako ty razanareo tanefitsy ty tany Egypta, ro hitsarako anareo avao koa---zay ty vola i Tompo Yaveh. ³⁷Hampandrio anareo ambany ty tahon-kazo Zaho, sady hampanoriky anareo ty fepetsy ty fifanenkea. ³⁸Hanasa ty mpamaliky noho azy manohitsy Ahy baka aminareo rey Zaho. Handefa androzy baka amy ty tany ze nipetrahandrozy manahaky ty vahiny rey Zaho, fe tsy ho afaky hilitry amy ty tanin'Israely ndrozy. Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ³⁹Le ho ahinao, ry longon'Israely, zao ty vola i Tompo Yaveh: Ty kiraikiraiky aminareo le tokony handeha amy ty sampiny iaby. Manompoa androzy lafa tsy hijanjy Ahy nareo, fe ao tsy no hampisy dikany ty anarako masy amy ty fanomezanero noho ty sampianareo sasy nareo. ⁴⁰Fa amy ty vohitsy masy eo, an-tampo ty vohitsy Israely eo--- zay ty vola i Tompo Yaveh---ty longo ty Israely iaby le hanompo Ahy amy azy tany zay ao. Hahafaly Ahy ty mitaky ty fandainareo any, sady ty veloham-bokatsy ty fokoanareo miharo amy ty raha masinareo iaby avao koa.

⁴¹Hanenky anareo manahaky ty ditin-kazo manitsy Zaho lafa manaboaky anareo baka amy ty olo sady mamory anareo amy ty tana ze fa nampiparitahy anareo. hanoro ty vatako ho masy amminareo eo Zahomba ho hita ty firenena rey. ⁴²Sady lafa nanday anareo ho amy ty tanin'Israely Zaho, amy azy tany ze fa nampitsabganako ty tananko hifanta fa homea ty razanareo, le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ⁴³Bakeo le ho tiaronareo eo ty fomba ratinareo, noho ty asanareo iaby ze nandoto ty vatanareo amasonareo avao nareo, le hanaboka ty vatanareo amasonareo avao koa nareo noho ty fanaovanareo raha raty iaby ze fa nanovinareo. ⁴⁴Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh lafa manao anizay aminareo noho amy ty anarako Zaho, fa tsy ho amy ty fomba ratinareo ndra ty asa ratinareo, ry longon'Israely--- zay ty vola i Tompo Yaveh." ⁴⁵Le avy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: ⁴⁶"Ry anakin'olo, atreho ty an-timo ty tany, sady mivolanaan-timo; maminania amy ty fanohera ty alan'i Negeva.

⁴⁷Volamo amy alala i Negeva hozao: "Zao ty vola Yaveh---ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Ingo, hampirehitsy afo aminareo eo Zaho. Handrava ty hazo vaovao iaby noho ty hazo maiky iaby aminareo eo zay. Tsyu ho vonoa ty lelan'afo mibelaky; horoa ze baka an-timo le zisiky mba varatsy iaby. ⁴⁸Le ho hita ty nofity iaby fa Zaho ro Yaveh lafa mampirehhty ty afo Zaho, sady tsy ho maty zay." ⁴⁹Le hozao tiasako: "Eeee! Ry Tompo Yaveh, mivola hozao amiko ndrozy: "Tsy mivola fanohara avao va ie?"

Chapter 21

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: ²"Ry anakin'olo, atoliho miatriky an'i Jerosalema ty vatano, sady mivolana manohitsy ty toera masy; maminania hanohitsy ty tanin'Israely. ³Volano hozao amy ty tanin'Israely: 'Zao ty vola Yaveh: Ingo! Manohitsy anao Zaho! Haboakiko baka amy ty pillasiny ty mesobeko le hanapaky ty olo to noho ty raty fanahy hiala aminao!⁴Mba hanapahako ty to noho ty raty fanahy hiala aminao, le hiboaky baka amy ty fipetrahany hanisy ty nofotsy iaby baka an-timo le zisiky avaratsy ty mesobeko. ⁵Le ho hay ty firenena iaby fa Zaho, Yaveh, ro nampiboaky ty mesobeko baka amy ty fipetrahany. Tsy himpoly sasy zay!⁶Le ty aminao, ry anakin'olo, misentoa laha vaky ty voanao! misentoa amy ty faitsy amasondrozy eo! ⁷Le hanontany anao hozao ndrozy: "Ino ty antony mampisento anao?" Le hivola hozao iha: 'Noho amy ty vaovao ze ho avy, fa ho kivy iaby ty fo, sady halemy ty tana iaby! hiha-kivy ty fanahy iaby, sady hikororoky manahaky ty rano ty pokopoko iaby. Ingo! Ho avy zay sady hanahaky zay! --zay ty vola i Tompo Yaveh.'" ⁸Le avy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ⁹"Ry anakin'olo, maminania le volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo: Volano hozao: Sambatsy! Sambatsy! Ho ranita zay sady hatao mipiriaky!¹⁰Ho ranita zay mba hampiasa amy ty famonoa bevata! hatao mipiriaky zay mba hanahaky ty tselatsy Tokony hifaly amy ty kobaim-panjaka ty anako va tsika? hejy ty mesobe ho avy ty tahon-kobay iaby manahaky zay! ¹¹Le hamea hanovy mipiriaky ty mesobe, sady mba ho tanjahy ty tana bakeo! Voaranist ty mesobe sady natao nipiriaky sady hamea ho an-tana ty riky ze mamono anizay!¹²Mikaiky vonjy sady mitania, ry anakin'olo! Fa azy mesobe zay le avy hanisy ty oloko! Manohitsy ty mpitariky an'Israely rey zay. Natoraky hoamy ty mesobe niaraky tany ty oloko ndrozy. Lafa zay, vangovango ty fe!¹³ Fa misy ty fitsara, fe manao akory laha tsy matanjaky ty kobay?--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁴Heninizao iha, ry anakin'olo, maminania sady mitehafa tana, fa hanisy fanin-telo nmihintsy ty mesobe! Mesobe hoahy ze vonoa rey! Mesobe hoahy ze lako ho vonoa rey zay, mitsoboky androzy ndra aia ndra aia!¹⁵Mba hampitranaky ty fonyu noho hampitombo ty matiny rey, le nengako hanohitsy ty vavahadindrozy ty famonoa ty mesobe! Loza! Nanovy manahaky ty tselatsy zay, ze nafahy hoahy ty mpamarotsy hena! ¹⁶Iha ry mesobe! Manisia kaba -kavana eo! Manisia baka an-kavia! Mandina amy ze mihodidy ty vatanao. ¹⁷Fa hanisy ty tarihako roe avao koa Zaho; le bakeo le handay ty heloko ho amy ty fitsara! Zaho, Yaveh ro mivola anizay!¹⁸Niavy tamiko ndraiky ty safa Yaveh manao hozao: ¹⁹"Henanizao iha, ry anakin'olo, mitingina lala roe hiavia ty mesobe ty mpanjaka i Babylona. Samby hanomboky baka amy ty tany raiky avao azy lala roe rey, le hisy bolokom-by hanamariha ty raiky amy ty handay amy ty tana any. ²⁰Asio famantara hoahy ty miaramila i Babyloniana ty lala raiky mba handeha amy Raba any, azy tana i Amorita. Asio famantara amy ty miaramila i Joda noho ty tana i jerosalema, azy arova mare azy raiky hafa iny. ²¹Fa ty mpanjaka i Babylona le hiegny amy sapanan-dala eo, amy ty fifanojoa mba hanao sikily. Hanozongozo tsipiky lako ie sady hangataky tondro-lala baka amy ty sampy sady hagnety amy ty atin-kena. ²²Amy ty tanany havana le hisy fambara mikasiky an'i jerosalema, mba hanengea tsatoky vy fandrava hanisy anizay, mba hamoha ty vavany hibaiko amy ty famonoa, hampiboaky faneva ty aly hamitiky toha fandrava hanisia ty vavahady, hanmboatsy tovon-tany, sady hampitsanga ty tilikambo fanaova arotsatoky. ²³Ho fanohara ty fanambara tsy misy dikany amasondrozy a Jerosalema ao zay, le azy nanao ty fiaina ho voady tany i Babyloniana! fa hanasara androzy noho ty fandika ty dina tiahy mpanjaka mba hananova aritsatoky androzy!²⁴Lafa zay le hozao tiasa i Tompo Yaveh: Safe hampahatiarovanao Ahy ty fahadisoanao, le hiboaky ty faharatiana! Ho hita amyy ty kila asanao iaby ty fahotanao! Noho ty antony zay le hampahatiaro ty olo iaby iha fa ho azo ty tana ty fahavalonao iha!²⁵TY aminao, ry mpanapakan'Israely mpivazavaza sady raty fanahy, ze afa niavy ty andro ty fanasazia azy, sady fa tampitsy ty fotoa fanontany, ²⁶zao ty vola i Tompo Yaveh aminao: apotaho ty hamama sady alao ty satro-boninahitsy! Tsy hifanahaky sasy ty kila raha iaby! Asondroto ty ambany le ambanio ty misondrotsy! ²⁷Faharava! Faharava! Hanoviko faharava toy! Tsy himpoly amy ty taloha zao zisiky hiavia ty raiky ze ho voatingy hanatenteraky ty fitsara. ²⁸Le iha ry anakin'olo, maminania le volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh amy ty olon'i Amona mikasiky ty fahalatsaham-baraka androzy ho avy: Mesobe, nisy mesobe naboaky! Noranity hoahy ty famonoa zay mba hitelena, le hanahaky ty tselatsy zay! ²⁹Laha mahita fahita fahatany ho ahinao mpaminany rey, laha mbo manao fombafomba ze hiafara amy ty vandy ho ahinao ndrozy, le hanamba amy ty tenda ty raty fanahy ze fa ho vonoa, ze fa ho avy ty andro ty fitsara azy sady fa ho tampitsy ty fotoa ty fahota ty mesobe io. ³⁰Ampolio amy ty misay azy ty mesobe. Amy ty fipetrahany nanamboara anao, amy ty tany niboahanao tao, ro hitsaraka anao! ³¹Halatsako aminao ty heloko! Ho tiofiko hanisy anao ty afo ty fahasosorako sady hengako amy ty tana ty olo biby iha, le a zy lahilahy tsy legnalegna amy ty fandrava!³²Hanjary soliky hoahy ty afo iha! Ho anivo ty tany eo ty lionao. Tsy ho tiaro iha, fa Zaho, Yaveh ro mivola anizay!"

Chapter 22

¹Le niavy tamiko ty vola Yaveh, manao hozao: "²Le iha, ry anakin'olo, hitsara va iha? Hitsara ty tanan-dio va iha? Ampahaizo azy ty favetavetany iaby.³Tsy maintsy volaninao hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Toy le tana ze mandraraky lio anivony eo mab hiavia ty liony; tanana ze manao sampy mba handotoany ty vatany.⁴Diso amy ty lio ze fa nalatsakinao iha, sady voalto ty sampy ze fa nanovinao. Fa nahafoy ty andronao noho nampanota ty taonao farany iha. Lafa zay le hanoviko ho henatsy hoahy ty firenena rey iha sady ho fiheheza hoahy ty kila tany iaby.⁵Azy marikitsy anao noho azy lavitsy anao rey le samby handatsy anao, iha azy tana maloto, sady hay ndra aia ndra aia ty lazanao amy ty maha atrikey fiharoa anao.⁶Ingo! Azy mpanapakan'Israely rey, samby amy ty fahefany iaby, le fa niavy taminao teo mba handatsaky lio. ⁷Fa nanafa-baraka ty ray noho ty reny taminao tao ndrozy, sady nanatanteraky fampijalea ty vahiny tanivonao rey. Kamboty noho tsy manam-baly rey le raty fanandesa taminao tao ndrozy. ⁸Fa tsy nampisy dikany ty rahako masy iha sady tsy nampisy dikany ty Sabatako. ⁹Azy lahiahy mpanarasara le fa niavy taminao teo mba handatsaky lio, sady nihina tanabo ty vohitsy ndrozy.manatanteraky faharatia anivonao ndrozy.¹⁰Fa niboaky taminao tao ty raha ty ray. fa nanararaotsy ty ampela tsy malio tanainy ty fandehana ty liony taminao tao ndrozy.¹¹Azy lahilahy ze manao fahavetaveta miaraky amy ty valy ty mpiharo petraky aminy, sady ty lahilahy ze mandoto amy ty henatsy azy vinatony ampela rey avao; azy lahilahy ze manararaotsy ty anabaviny rey--- le ty anakam-pala ty babany avao--- azy raha iaby rey le amina. ¹²Azy lahilahy rey le mandramby kolikoly amina eo mba handatsahan-dio. Fa nandramby tombony iha sady le vatany nahazo tombony lako vatany, nandrava ty mpiharo petaraky tany ty fampijalea iha, sady nagnalino Ahy---zay ty vola i Tompo Yaveh.¹³Ingo! Tamy ty nanako ro nanisiako ty tombony tsy ara-dala ze niazony, noho ty fandatsahan-dio ze fa tanivonao eo. ¹⁴Hahazaka va ty fonao, hahery va ty tananao amy ty andro ze hanisiako anao? Zaho, Yaveh, ro mivola anizay. ¹⁵Le hanaparitaky anao amy ty firenena rey Zaho sady hanaparitaky anao heniky ty tana. Amy fomba zay, ro hanasako ty fahalotoanao amina. ¹⁶Le haloto amy ty maso ty firenena rey eo iha. sady ho hainao fa Zaho ro Yaveh."¹⁷Bakeo le niavy tamiko ty vola Yaveh, manao hozao: ¹⁸"Ry anakin'olo, amiko ty longon'Israely le fa nanjary taim-by. Ndrozy iaby rey le sisa na saba noho vy foty, sady vy noho firaky ty anivony eo. Hanahaky ty taim-bolavoty anay ty lafaoronao bevata ndrozy. ¹⁹Lafa zay le hozao ty vola i Tompo Yaveh: 'Safe fa nanjary manahaky ty taim-by nareo iaby, lafa zay, ingo! Fa namory anareo anivo i Jerosalema Zaho. ²⁰Manahaky ty volafoty noho saba vy, firaky sady vy foty voavory anivo ty lafaoro bevata ze tsy maintsy hisy afo hitioky anizay, ro hanpitranahakoanao. Ka hamory anao amy ty heloko ao Zaho nho ty siakiko Zaho. Hampiliry ao iha le hitioky ty afo amizay ao Zaho mba hampitranaky anizay; Le hamory anao amy ty heloko noho amy ty siakiko Zaho, sady hengako ao iha le hampitranaky anao Zaho. ²¹Le hamory anao Zaho sady hitioky ana amy ty afo ty heloko le ho hitranaky anivony eo iha. ²²Manahaky ty volafoty mitranaky anivo ty lafaoro bevata, ro hahatranaky anaoanivony eo, le ho hainao fa Zaho, Yaveh ro fa nandraraky ty heloko taminao!"²³Niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: ²⁴"Ry anakin'olo, volano hozao aminy: 'Iha le tany mbo tsy voalio. Tsy larsak'ora amy ty andro ty fanameloha! ²⁵Misy firaisa tsikombakomba ty mapminany rey anivony eo, manahaky ty liona mieronana mamidabida ty hazany. Mandrava ty fiaina ndrozy sady mangalaky hanagna sarotsy; nanenga tsy manam-baly lako taminy tao ndrozy!²⁶Manao heriloaha amy ty lalako mpisorony rey, sady tsy mampisy dikany ty raha masy ndrozy. Tsy manafavaky ty raha masy noho ty raha tsy daria ndrozy, sady tsy mampianatsy ty fanavaha ty maloto noho ty malio. Mamony ty masony amy ty Sabatako ndrozy mba tsy hampisia dikany Ahy anivony eo. ²⁷Ty mpajaka aminy ao le manahaky ty alika ly mamidabida ty azony rey. mandatsa-dio ndrozy sady mandrava fiaina, mba hazoa tombony tsa ara-dala. ²⁸Nandoko androzy tany ty lalotsy foty azy mpaminaniny rey; mahita fahita diso ndrozy sady maminany vady amindrozy. Hozao tiasan-drozy: "Zao ty vola i Tompo Yaveh" nefa Yaveh tsy nivola zao. ²⁹Ty mpipetraky amy ty tany le nampijaly tamin-kery noho nanambotsy tany ty fandrava, sady manao raty fitondra ty mijaly noho ty vatany mijaly ndrozy, sady mampijaly ty vahiny amy ty tsy ara-dala. ³⁰Le hila lahilahy raiky tamindrozy tao hananga manda noho hitsanga alohako eo anelenelanizay ho amy ty tany Zaho mba tsy handravako anizay, fa tsy nahita Zaho. ³¹Le handraraky ty heloko aminareo eo Zaho. Handrava androzy amy ty andro ty heloko Zaho sady henenga ty lalany amy ty lohandrozy eo avao---zay ro vola i Tompo Yaveh."

Chapter 23

¹Niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, Nisy ampela roe , raiky reny. ³Nanao manahaky ty makorely ta Egipta tany tany ty fotoa ty fahatanorandrozy. Nanao manahaky ty makorely ndrozy tany. Ty tratrandrozy le nifihiny sady ty nonony virjiny le nosafosafoina tany. ⁴Ty anarandrozy le i Ohola--- ty zokiny---le Oholiba ---ty zainy. Le niazoko ndrozy le niteraky anakilahy noho anaky ampela.Zao ty dika ty anarandrozy: Ohola le midika hoe Samaria, le Oholiba dia midika hoe Jerosalema.⁵Nefa mbo nanao manahaky ty makorely avao i Ohola ndra fa Tiahy aza ie; nila ty amatony, azy Asyria ze nanjaka rey, ⁶ty governora ze nisiky siky violet, sady ty manam-boninahiny rey, ze matanjaky noho tovolahy ie, ndrozy iaby le mitikitsy soavaly iaby. ⁷Le nanesy ty vatany manahaky ty makorely tamindrozy rey , tany ty lahilahin'i Asyria tovolahy mare iaby ie, le nandoto ty vatany tany ty olo iaby ze nilany---noho tany ty sampindrpy iaby ie.⁸ tsy nennga ta Egipta tany fitondr-tena manahaky ty makorely, laha niaraky nandry tamindrozy tany i mbo nisomondrara, laha mbo nanomboky nanafosafo ty nono ty firijiny ndrozy, laha mbo nanomboky nandraraky ty fandrantoany taminy ndrozy.⁹ Le nasesy tan-tana ty amatony,, tana-tana ty Asyria rey ze nilany ie. ¹⁰Nampihalo azy ndrozy. Nalainy ty anakilahiny noho ty anaka-pelany, le nivonoan-drozy tany ty mesobe ie, le nanjary henatsy hoahy ty ampela hafa ie le nitsaran-drozy.¹¹Hitan'i Oholiba rahavaviny zay, fe nana fila tany ty fagniria lakolako aza ie ka le nandranto mare mandilatsy ty rahavaviny aza. ¹²Nila ty Asyria, ty governora noho ty manam-boninahitsy nanjaka ze nisiky manaity ie. Lahilahy matanjaky noho tovolahy iaby ndrozy iaby. ¹³Hitako fa nandoto ty vatany ie. Niteany ie mirahavavy zay.¹⁴Le napitombo ty maha makorely lakolako mare aza ie. Nahita lahilahy nanovy sary vonga tany ty rindry ie, le sary ty keldiana nolokoa mena, ¹⁵manao fehin-tsarotso am-balahany eo, noho hamama misy rambony andohany eo. Ndrozy iaby le manahaky ty manam-boninahitsy ty tokon-kalesimy, manahaky ty anakilahin'i Babylona, zay teratany Kaldeana.¹⁶Laha vo nahitaky androzy rey ty masony, le nivola ndrozy, le nandefa iraky tamindrozy ta Keldiana tany ie. ¹⁷Le niavy taminy noho tany ty ketrely ty filany azy Babyloniana rey, le nandoto azy tany ty fandrantoany. Tany ze nanoviny le voaloto ie, le niodaky niala taminy tamindrozy teo tany ty fangaroharoa ie.¹⁸Nampiboaky ty maha makoreliny ie sady nampitoto ty vatany mihalo, le niala taminy ty fanahiko, manahaky ty fiala ty fanahiko tany ty rahavaviny. ¹⁹Le makorely mare mandilatsy azy ie, laha nahatiaro noho nangalaky hatahaky ty andro ty manasomondrarany, tany ie mbo nanao manahaky ty makorely tany ty tany Egipta.²⁰Le nila ty amatony ie, ze manahaky ty boriky ty faritsy ty raha falindrozy, sady azy manahaky ty soavaly ty sinonainy. ²¹Zay ty nanafahano baraky ty hatanoranao, laha nanafosafo ty nononao noho namihy ty tratranao tanora Egipta rey.²²Lafa zay, ry oholiba, zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo! Hampivalihako aminao eo amatonao rey. Azy nisarahanao, hataoko manohitsy anao amy ty kila raha iaby ndrozy: ²³le Babyloniana noho ty Kaldeana iab rey, Pedoka, Soa, le i Koa, noho ty Asyriana iaby niaraky aminy, matanjaky , lahilahy tovolahy, azy governora noho mpifehy rey, ndrozy iaby le manam-boninahitsy iaby sady lahilahy malaza, mmitikitsy soavaly iaby ndrozy.²⁴Hanohitsy anao amy ty fitaovam-pialia, noho amy ty kalesy noho laro, sady amy ty olo lako mare ndrozy. Hanapitiky fiarova bevata, fiarova kely, sady aroloha hanohera anareo amy ty manodidy any ndrozy. Hameako hevitsy manasazia anao ndrozy, le hanasazy anao amy ty fanaony. ²⁵Fa hanoviko aminareo ty heloky ty farahiko, ke hanisy anao amy ty heloky. Hanapaky ty ornao noho ty sofinao ndrozy, le ho maty ty mesobe ty ilany sisa velo aminao. Halandrozy ty anakilahinao noho ty anakam-pelanao, le ho rava ty afo ty ilany sisa velo aminao.²⁶Hamotaky ty sikinano ndrozy sady hangalaky ty ravakinao iaby. ²⁷Le hangalaky ty fitondran-tenanao mahamenatsy aminao noho ty maha makorelinao amy ty tany Egipta Zaho. Tsy hampaneny anabo ty masonaobamy ty fagniria amindrozy rey iha, sady tsy hametsivetsy ty amy Egipta sasy.²⁸Fa zao tiasa i Tompo Yaveh: Ingo! Hasesy amy ty tana ty ze malay anao iha, mimpolia amy ty tany zefa nialanao.²⁹ Hanisy anao amy ty fanaboka vatany ndrozy; hangalaky ty hanagnanao iaby noho hanenga anao hihalo noho tsy hanisy paka ndrozy. hazelazela ty fahamenara ty rahanao ty fiarovam-batanao, le azy fitondr-tenanao imenaranao noho ty fandrantoanao.³⁰Azy raha rey le hanovy aminao amy ty fananovanao manahaky ty maha makorelinao, fila tany ty firenena ze nahavy anao haloto tany ty sampiny rey. ³¹Nanoriky ty lala ty rahavavinao iha, le nanoviko an-tananao ty kapoaky ty fanasazia azy.³²Zao ty vola i Tompo Yaveh: 'Hino ty kapoaky ty rahavavinao ze laliky noho bevata iha. Hanjary fiheheza noho fototsy raha fiheheza iha--- atsiky mare azy kapoaky zay.³³Ho atsiky hamamoa noho alahelo iha, le ty kapoaky ty horohoro noho ty fandrava; ty kapoaky ahy Samaria rahavavinao. ³⁴Hino anizay iha le handany anizay; le hamotipotiky anizay iha le nanataky ty tratranao amy ty potiny. Fa efa nivola anizay Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh.³⁵Le zao ty vola i Tompo Yaveh: 'Safe fa nagnalino Ahy noho nanary Ahy tambilikinao tao iha, le manahaky zay koa ro hizakanao ty vokatsy ty fanandesanao vata mahamenatsinao noho ty fandrantoanao.'"³⁶Hoasa Yaveh tamiko: "Ry anakin'olo, hitsara an'i Ohola noho i Ohaliba va iha? Le ampanenteo androzy ty fomba mampangaroharony, ³⁷safe fa nandranto ndrozy, sady

safe fa misy lio an-tanany eo. Nandranto tamy ty sampiny ndrozy, sady nandefa ty anakilahiny tanay ty afo aza ndrozy, ho hany ty sampiny rey.³⁸Le notihindrozy anao hozao tamiko: nandoto ty fipetrahako masy ndrozy, sady tamy zay andro zay avao koa ro nandotoany ty Sabatako.³⁹Fa lafa anmono ty anakiny hoahy ty sampy ndrozy, la niavy tamy ty fipetrahako masy tamy zay andro zay avao mba handoto anizay! Le ingo! zay ty nanovindrozy tamiko tanivo ty tranoko.⁴⁰Nandefa ty lahilahy ze baka lavitsy iha, le azy nandefasa mpanday hafatsy--- ingo henanio. Avy vatany ndrozy, azy niandroanao rey, nandokoanao ty masonao, noho nampihentsy ty ravaky ty vatanao.⁴¹Teo ty nipetrahanao tamy ty kitrely soa noho tan-databo nilamy teo talohanizay teo ro nanenganao ty ditin-kazo manitsiko noho ty solikako.⁴²Le nanodidy azy ty feo ty jkorakoraky ty olo; anay zay ty karazan-dahilahy iaby, ndra ty Sabeana aza le nandesy baka anefitsy tany, le nasiandrozy haba ty tanany sady satro-boninahitsy soasoa ty lohany.⁴³Le nivola taminy azy simba ty fandrantoa manao hozao zaho: 'Ho fandrantoa amindrozy henaniazo, le ie amindrozy.'⁴⁴Nandeha aminy ao ndrozy le niaraky nandry taminy manahaky ty lahilahy militsy mba hiaraky amy ty makorelyzay ro nandriandrozy niaraky tam'i Ohola noho Oholiba, azy ampela raty fomba fananedsa vata.⁴⁵Fe ty olo to hitsara noho hanasazy androzy manahaky ty ampela momba, le hanasazy androzy amy ty fanasazia hoahy ze mandatsa-dio, safe ampela momba ie sady an-tanan-drozy ty lio.⁴⁶Le zao ty vola i Tompo Yaveh: Hananga olo lako hanohitsy androzy noho hanesy androzy ho ampitahory noho ho rava Zaho.⁴⁷Le azy olo zay le hitora-bato androzy noho hanapaky androzy amy ty mesobeny. Hamono ty anakilahinareo noho ty anakam-pelanareo le handoro ty tranondrozy.⁴⁸Fa hangalaky ty fitondran-bata mahamenatsy androzy amy tany Zaho sady hananatsy ty ampela iaby mba tsy handrantoan-drozy sasy.⁴⁹Le hengany aminareo ty fitondran-tenany mahamenatsy anareo. Hizaka ty hadisoa ty fahotanareo tamy ty sampinareo nareo, le zay ty hahazanareo fa Zaho ro Tompo Yaveh."

Chapter 24

¹Niavy tamiko ty safa Yaveh tamy ty faha sivy ty tao, tamy ty faha folo ty vola, noho tamy ty faha andro fahavolo ty vola, nanao hozao: ²"Ry anakin'olo, sorato hoamy ty vatano ty anara ty andro toy, ty andro to toy, fa tamy ty andro to toy ro nanaova ty mpanjaka i babylona aritsatoky an'i Jerosalema. ³Le mivolana ohabola hanohera ty tariha ty mpamalky toy, fanohara raiky. Volano hozao ndrozy: Zao ty vola i Tompo Yaveh: E ngaho ze valany fiketreha. Engaho zay sady raraho rano anainy zay ao. ⁴Mamoria bolon-kany anainy zay ao, ze bolokony soa iaby--- ty feny noho ty saokiny---sady atreho ty taola soa mare zay. ⁵Alao ze soa mare amy ty aondrysady tohofo ambaninizay ao taola rey. Andeso amy ty finga jobo zay sady ketreho anay zay ao ty taola rey. ⁶Lafa zay le hozao tiasa i Tompo Yaveh: Loza hoahy ty tana ty lio, valany fiketreha ze harefesy ty anainy ao sady sy ho afaky azy harefesy zay,. Alao tsikelikely zay fa ka anaova filoka. ⁷Fa ty lio le anivony eo. nengany tanabo ty lafiambato madoso zay; tsy rarakiny tamy tany teo ho tototsy ty lemboky zay, ⁸le nampiakatsy heloky ho amy ty kinia to zay. Nengako tamy lafiambato madoso teo ty liony mba tsy ho voalomboky. ⁹Lafa zay, i Tompo Yaveh le mivola hozao: Loza hoahy ty tana ty lio. Hanampy ty hata avao koa Zaho. ¹⁰Hatohofo ty kata sady ampireheto ty afo. ketreho soa ty hany sady aharo ty sosiny sady engaho ho refotsy ty taola rey. ¹¹Bakeo anovo tsy misy ndra ino ndra ino anabo ty afo eo azy valany iny mba hahamay noho handoro ty sabany, le hiharo ty loto anainy ao, ho tranaky ty harefesy." ¹²Nanjary simba noho ty havozaheany ie, fe tsy niala taminy tamy ty afo ty harefesy. ¹³Ty fanandesanao vata manahamenatsy le amy ty fahalotoanao safe nanasa anao Zaho, fe mbo tsy nalio iha. Tsy mbo ho afaky amy ty fahalotoa iha zisiky hienena ty heloko aminao. ¹⁴Zaho, Yaveh, le mivola anizay, sady hanoviko zay. Tsy hieny Zaho na hiferinay. Araky ty lalanareo, noho araky ty asanareo, le hitsara anareo rey! ---zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁵Bakeo niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ¹⁶"Ry anakin'olo! Ingo, alako aminao ty arety mindripaky ty faniria ty masonao. kanefa eo iha tsy no hhisana ndra hitany, sady eotsy noho hilatsaky ty ranomasonao. ¹⁷Tokony halahelo mangiky iha. Ka manao fandevena hoahy ty maty. Feheo ty hamamanao sady asio kapa ty tombonao, fa ka longofa voaly ty vaokinao na hihina ty mofo ty olo ze misaona noho ty fahafatesa ty valindrozy rey iha. ¹⁸Le nivola tamy ty olo zaho lafa maray, le maty ty valiko lafa haly. Lafa marainy zaho le nanao ty raha nandidia ahy ho natao. ¹⁹Nanontany ahy hozao ty olo: Tsy hivola aminay ty dika ty raha rey va iha, azy raha ze nanovinao rey?" ²⁰Le hozao tiasako tamindrozy: "Niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: ²¹Volano amy ty tarihan'Israely, zao ty vola Yaveh: Ingo! Ho tsy ampisikao dikany ty fitoerako masy--- ty rengirengy ty herinareo, ty tea ty masonareo, noho ty faniria ty fanahinareo, le ho maty amy ty mesobe ty anakilahinaeo noho ty anakam-pelanareo ze nenganareo. ²²Le hanovy manahaky ty ze fa nanoviko nareo: tsy hanaro ty vaokinareo nareo, na hihina ty mofo ty olo! ²³Fe ho an-dohanareo eo ty satrokinareo, le ty kapanareo ho an-tombonare eo; tsy hisaona nareo ndra hitany, fa ho kivy amy ty fahadisoanareo nareo, le hisento kiraikiraiky iaby hoahy ty rahalahiny ty olo. ²⁴Le ho famantara hoahinareo i Ezekiela, le araky ze kila raha iaby anoviny ro ho hanovinareo lafa avy zay. bakeo le ho hainareo fa Zaho ro Tompo Yaveh!" ²⁵Fa iha ry anakin'olo amy ty andro ze hahazoako ty fiangonandrozy rey, ze hafaliandrozy, rengerengeandrozy, noho ze hitandrozy noho teany---sady lafa alako ty anakilahiny noho ty anakam-pelany--- ²⁶amy zay andro zay, le hisy valiny ho avy aminao eo mba hanome anao vaovao rey! ²⁷Amy zay andro zay le hivoha amizay ty mpivahiny zay vaovao zay sady hivola iha--- tsy hintsy sasy iha. Ho famantara hoahindrozy rey iha mba ho haindrozy rey fa Zaho ro Yaveh."

Chapter 25

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozo: ²"Ry anakin'olo, atoliho amy ty olon'i Amonita ty tarehinao le maminania hanohera androzy.³Volano amy ty olon'i Amonita hozo: 'Janjino ty safa i Tompo Yaveh. Zao ty vola i Tompo Yaveh: Safe iha nivola hozo: "Hia!" tamy ty fipetahako masy teo laha tsy nampisia dikany zay, sady nanohitsy ty tanin'Israely laha haolo zay, sady nahnohitsy ty longo i Joda lafa nanjary sesi-tany ndrozy, ⁴lafa zay, imgo, omeako hoahy ty olo an-tinana ho hanagnandrozy iha. Hanmboatsy toby hanohera nao ndrozy sady hamboatsy ty laindrozy aminao eo. Hohanindrozy ty vokatsinao sady hinomany ty ranonao. ⁵Hanoviko ho fihinana ty rameva aka i Raba le ty olon'i Amonita ho baibo ty aondry noho ty aosy. Sady le ho hainao fa Zaho ro Yaveh.⁶Fa ty tompo Yaveh mivola hozo: "Nitehatehan-tana noho nampitsatotsato-tomboky iha, sady nifalifaly tamy ty fanambania iaby taminao teo hanohera ty tanin'Israely. ⁷Lafa zay, ingo! Hanisy anao amy ty tanako Zaho sady hanesy anao ho baboa ty fire nena rey. Hafahako tsy ho amy ty olo iha sady haravako tsy ho amy ty firenena rey eo! Ho ravako iha, le ho hainao fa Zaho ro Yaveh.⁸Ty Tompo Yaveh mivola hozo: ' safe i Moaba noho i Seira nivola hozo: "Ingo! Ty longo i Joda le manahaky ty firenena hafa iaby." ⁹Lafa zay, ingo! ho vohako ty lakory i Moaba, manomboky amy ty tanany eo amy ty faritsy tanny eo--- ty hasoa i Beti- jesimota, Balameona, le i Kiriataima--- ¹⁰mbamy ty olo an-tinana ze hanohitsy ty olo Amonita. Hahoako manahaky ty hanagnandrozy mba tsy ho tiaro amy firenena rey eo ty olo Amonita. ¹¹Le hanao fitsara hanohitsy an'i Moaba Zaho, le ho haindrozy rey fa Zaho ro Yaveh.¹²I Tompo Yaveh mivola hozo: 'Edoma le nikinia hanohitsy ty longo i Joda sady nanao raty tamy ty fananovany anizay. ¹³Lafa zay, i Tompo Yaveh mivola hozo: hanisy an'i Edoma amy ty tanako Zaho sady handrava ty olo iaby noho ty biby ao. Hanovoko toera rava, nafoy, baka Temana any le zisiky a Dedana rey. Ho maty mesobe ndrozy.¹⁴hanoviko amy Edoma eo ty kiniako amy ty alala ty tanin'Israely oloko, sady hanovindrozy rey amy Edoma araky ty heloko noho ty siakiko, le ho haindrozy ty kiniako--- zay ty vola i Tompo Yaveh.¹⁵I Tompo Yaveh mivola hozo: ' Azy Filetina rey le nikinia tamy ty lolom-po sady tanaindrozy rey le niezaky handrava an'i Joda avao. ¹⁶Le zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo! Hanampatsy ty tanako amy ty filistina rey eo Zaho, le ho ravako ty keretita sady ho ravako ze ilanny sisa tavela amoro ty riaky eny. ¹⁷Fa hanao ty famalia bevata hannihitsy androzy rey Zaho amy ty fahameloha ty asa fanasazia, mba ho haindrozy fa Zaho ro yaveh, lafa mikinia androzy rey zaho."

Chapter 26

¹Tamy ty tao faha folo raiky amby, tamy ty andro velohany ty vola, le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao:

²"Ry anakin'olo, sage Tyro nivola nanohitsy an'i Jerosalema hoe: 'Hia! Simba ty vavahadin'olo rey! Niala tamiko ie; le ho atriaky Zaho safe rava ie.'³Lafa zay i Tompo Yaveh nivola hozao: Ingo! Manohitsy anao Zaho manahaky ty riaky manonjo ty onjany. ⁴Handrava ty manda i Tyro ndrozy sady handrava ty tilikambony. Ho fafako hiala ty lembokiny rey sady hanao azy manahaky ty lafiam-bato loaky vevata Zaho. ⁵Hanjary toera fananina harato anivo ty riaky ie, fa Zaho ro nivola anizay--- zay ty vola i Tompo Yaveh---le hanjary azo sambotsy hoahy ty firenena rey ie. ⁶Ty anakam-pelany ze ambaibo, sady ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh. ⁷Fa zao ty vola Yaveh: Ingo, avy baka avaratsy any ro hanandesako an'i nebokadnezara mpanjaka an'i Babylona, mpanjaka ty mpanjaka, hanohitsy an'i Tyro, miaraky amy soavaly noho kalesy rey, sady miaraky amy ty mpitikitsy soavaly noho lo lako mare.

⁸Hamono ty anakam-pelanao am-baibbo any ei. Hananga tovon-tany noho hamboatsy fanganiha amy ty mandanao eo rey sady hananga fangaly hanohitsy anao ie. ⁹Hengany hanisy ty mandanao azy toha vy fandravany rey, sady ty fitaovany ro handrava ty tilikambonao rey. ¹⁰Ho lako vatany ty soavaly le hanaro anao ty vovony. Azy mandanao rey le hihozongozo amy ty feo ty mpitikitsy soavaly, laro, sady kalesa. Lafa militsy ty vavahadin'olo ie, le militsy manahaky ty olo ze niavy amy ty tana azy fa nirava ty mandany rey. ¹¹Azy kitron-tsovaliny rey le hanitsakitsaky ty lalanao iaby. Ho vonoa amy ty mesobe azy olonao rey le ty toha vato marenao le hiravoky amy ty tany. ¹²Ho ravandrozy rey ty hanagnanao sady ho ravany ty entam-barotsinao. Horavany azy mandanao rey sady horavany ty lapasoanao rey. Azy vatona, hazonao, le ty lemboly le ho adriandrozy amy ty rano. ¹³Hajanoko ty feo ty hiranao. Tsy ho re sasy ty feo ty lokanganao. ¹⁴Hanoviko lafiam-bato loaky mare iha, hanjary toera fananina harato iha. Tsy hatsanga sasy iha, fa Zaho Tompo Yaveh ro fa nivola--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁵vola anizao tamy Tyro i Tompo Yaveh: 'Tsy hangitikitiky va azy nosy rey amy ty feo ty faharavao ty famonoanao mampangaroharo?' ¹⁶Sady ty mpanjaka lahy ty riaky iaby le hiala amy ty seza fiadanany sady hamotaky ty sikindrozy rey le hanenga ty sikiny misy peta-kofehy ndrozy. Hanamafy ty vatandrozy amy ty fangitikitiha ndrozy, hipetraky amy tany eo sady hangitikitiky saky tsikanikany, sady ho tseriky noho iha ndrozy.

¹⁷Hampiakatsy ty taniny ho ahinao ndrozy sady hivola hozao amina: Amy ty fomba manao akory, iha ze nipetraka ty ntatsambo, ro naharava anao. Azy tana malaza azy le vatany matanjaky--- lasa andriaky any zay henaninza. Azy nipetraky taminy tao taloha rey le manaparitaky horohoro mikasiky androzy amy ze mipetraky anilandrozy iaby. ¹⁸Henanizao ty moron-driaky le mangitikitiky amy ty andro faharavana. Azy nosy an-driaky any rey le mangitikitiky, safe maty iha. ¹⁹Fa i Tompo Yaveh nivola hozao: "Lafa nanoviko tana haolo iha, manahaky ty tana hafa ze tsy misy mipetraky, lafa manamboatsy ty laliky hanohera anao Zaho, Ka lafa mandentiky anao ty rano be, ²⁰le handesiko mijotso amy ty olo taloha iha, manahaky ty hafa ze nijotso tan-davaky; fa hanoviko mipetraky amy ty faritsy farany ambany ty tany any iha manahaky ty rava tamy ty fotoa taloha. Lafa zay le tsy nimpoly sasy iha sady tsy hitsanga amy ty tany ty velo. ²¹Hanoviko amina eo ty loza, sady tsy hisy sasy iha mandrakizay. Le ho ila iha, fa tsy ho hita sasy--- zay ty vola i Tompo Yaveh."

Chapter 27

¹Avy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Iha ry anakin'olo, manomboha hira fisaona mikasiky an'i Tyro, ³sady volano amy Ty ro, zay mipetraky anaiy ty vavahady ty riaky, mpanao kinannga hoahy ty olo amy ty nosy lako any, i Tompo Yaveh nivola zao taminao: Ry Tyro, fa nivola hozao iha: 'zaho le tanteraky amy ty hasoan-tarehy.' ⁴TY faritsy ty taninao le amy ty fo ty riaky; azy mpananmboatsy anao fa nahampelasoa ty hasoanao. ⁵Nanovindrozy tamy ty kipreso baka amy ty vohitsy Hermona ty hazo fisakinao iaby; nangalaky sedera baka a Libanona ndrozy hananova tohan-tsambo ho ahinao. ⁶Ty fivoinao l nanovindrozy tamy ty hazo terembinta i Basana; hazo kipreso baka a Kipra ro nananovandrozy ty fanamboara ty sambonao, sady napitiny iavoara rey. ⁷Nilokoa rongony foty baka Egypta any zay manahaky ty faneva ty lainao! ⁸Azy ze nipetraky ta Sidona noho Arvada ro mpivoinao; azy olon-kendry tiahy Tyro ro anainy ao; ndrozy rey ro mpanday anao. ⁹Mpanao asa tana mahay mare baka a Byblosy any ro hanampy ty sambonao; azy sambo iaby andriaky any noho ty mpanday ty sambo aminao eo le nanday ty entam-barotsinao ho amy ty takalo. ¹⁰Persya, Lydia, sady Libya le tamy ty miaramilanao, lahilahy mpialinao. nanakavitsy fiaro noho aroloha taminao tao ndrozy; nanatoro ty fipiriakinao ndrozy. ¹¹Azy lahilahin'i Arvada rey noho ty Heleka tamy ty miaramilanao ro tamy ty rindrinao mihodidy anao, le ty olon'i Gamada ro tamy ty tilikambonao tao. nanakavitsy ty fiaronny tamy manodidy ty rindrinao ndrozy! Nanatsiky ty hasoanao ndrozy rey. ¹²Tarsisy le nama mpanao kinanga niaraky taminao hono ty habe ty hanagnao havarotsy: volafoty, vy, kanky, noho firaky. Nivily noho namarotsy ty entanao ndrozy! ¹³Javana, Tobala, noho i Meseka— nanakalo andevo noho fitaova vita tamy ty saba ndrozy. Nitanjaky ty entam-barotsy ndrozy. ¹⁴Be-togarma ro nanome ty soavaly, sovaly fitikira, sady ampondra ho entam-narotsinao. ¹⁵Azy lahilahy Dedana ro mpanao kinanganao heniky ty riaky lako. Entambarotsy ro tan-tananao teo; nampipoly tsifa, ivoara, sady hazo mainty ndrozy ho fanday! ¹⁶Syria ro mpanao kinanga tamy ty vokatsinao nimaro; nanome emeralda, volomparasy, lamba miloko, lamba maliniky, perla, sady vatosoa hoahy ty entam-barotsy ndrozy. ¹⁷Joda noho ty tanin'Israely le nanakalo niaraky taminao. Namarotsy vary baka ta Minita ndrozy, mofomamy, tantely, soliky, sady balsama ho en-tam-barotsinao. ¹⁸Damaskosy le mpanao kinanga ty vokatsinao iaby, azy hanagnao bevata rey iaby, le ty divain'i Helbona noho ty volon'aondry fotin'i Zahara. ¹⁹Dana noho Javala baka a Ozla nanome anao entam-barotsy vy notefea, kanelina, sady veromanitsy. Zay le nanjary entam-barotsy ho ahinao. ²⁰Dedana le mpanao kinanganao amy ty lamba fanaovan-tsoavaly. ²¹Arabia noho ty mpifehy Kaldeana iaby rey ro mpanao kinanga niaraky taminao; nanome anao anak'aondry, aondry lahy noho aosy ndrozy. ²²Azy mpanao kinanga i Seba noho Rama le avy mba hamarotsy aminao ty raha manitsy soa mare iabby noho karazam-batosoa sarotsy; namarotsy volamena hoahy ty entam-barotsinao ndrozy. ²³Harana, Kane, sady Edena ro mpanakalo niaraky taminao, niaraky tamin'i Seba, Asora, noho i Kilmada. ²⁴Rey iaby ty mpanao kinanganao nisiky siky vita baka amy ty lamba violet malangy, noho lamba fisafora miloko samby hafa, nanovy peta-kofehy, sady lamba soa voatsy tamy ty tsenanao tao. ²⁵Azy sambo i Tarsisy rey ro mpitao ty entam-barotsinao! Le niatsika iha, enta-mahavesatsy anivo ty riaky eny! ²⁶nandesy ty mpavoinao tamy ty riaky malalaky iha; ty tsioky baka antinana ro nannimba anao tanivonireny. ²⁷Ty hanagnao, entam-barotsy, noho ty fitaovanao atakalo; azy tantsambo noho tymbanday sambonao rey, noho ty mpiasa ty sambo rey; azy mpanao kinanga ty entam-barotsinao rey noho lahilahy mpialinao iaby rey ze aminao ao, noho ty tarihanao iaby— hilentiky amy ty lalaky ty riaky ndrozy rey amy ty andro ty faharavanao. ²⁸hangitikitiky amy ty feo ty fitania ty mpanday sambonao azy tana an-driaky ao rey; ²⁹Azy iaby mitanjaky fivoy rey le hijotso baka amy ty sambondrozy; hitsanga an- tany eny azy tantsambo rey noho ty mpanday sambo iaby amy ty riaky eny. ³⁰Bakeo hampijanjinanao ty feony ndrozy le hikorakoraky mare; hamory posiera an-dohany eo ndrozy. Hiodakodaky amy lavenoky eo ndrozy. ³¹Hanaratsy ty lohany ho sola ho ahinao ndrozy le hamehy ty vatany amy ty lamba fisaona, sady hitany mare aminao eo ndrozy sady hikorakoraky mare. ³²Hanondrotsy ty fitoretoreovam-pitoreony ho ahinao noho hihira fisaona aminao eo ndrozy, ia ro mifanahaky amy Tyro, ze fa nandesy ho amy ty fintsy anivo ty rieky eny henanizao? ³³Lafa nandeha tam-bohitsy baka tan-driaky eny ty entam-barotsinao, le nahafa-po ty olo lako zay; nahampanarivo ty mpanjaka ty tany amy ty halako ty hanagnanao noho ty entam-barotsinao iha! ³⁴Fe lafa nipotepoteha ty riaky, noho ty rano laliky iha, le nilentiky ty entam-barotsinao noho ty tantsambonao iaby! ³⁵Nangaroharo taminao iaby ty mpipetraky amoro ty riaky, sady nangitikitiky ty horohoro mpanjakany! Nangitikitiky ty vatandrozy! ³⁶Misioky anao ty mpanao kinanga ty olo; nanjary fampitahora iha, sady tsy mandrakizay sasy."

Chapter 28

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: " ²Ry anakin'olo, volano hozao amy ty mpanapaky an'i Tyro: Miavonavo ty fonao! Hozao tiasanao: "ndranahary zaho! Hipetraky amy ty seza ndranahary anivo ty riaky eo zaho!" Ndra olo aza iha fa tsy ndranahary, le manao ty fonao manahaky ty fon-dranahary iha; ³mieritseritsy iha fa hoe hendry noho i Daniela, sady tsy misy sekire mahatseriky anao!⁴Nahampanarivo ty vatanao tamy ty fahendrea noho fahaiza manao iha, sady nahazo volamena noho volafoty tamy ty fanajaria fandainao! ⁵Tamy ty fahendrea noho tamy ty varotsinao, le nampitombo ty hanagnao iha, le miavonavo ty fonao amy ty hanagnao. ⁶Lafa zay, i Tompo Yaveh mivola hozao: "Safe nanao ty fonao manahaky ty fon-dranahary iha, ⁷le handay vahiny hanohitsy anao Zaho, lahilahy manorohoro baka amy ty firenena hafa. handay ty mesobenay hannisy ty hasoa ty fahendrea noho ndrozy, sady tsy hanamasy ty fipiriakinao.⁸Handefa anao hijotso amy lavaky any ndrozy, sady ho maty amy ty fahafatesa ty ho maty anivo ty riaky any rey iha. ⁹Vasa hivola ty mary manao hozao iha: "ndranahary zaho" amy ty vatan'iazy mamono anao? Olo iha fa tsy Ndranahary, sady ho an-tana ze mandefo anao iha. ¹⁰Ho maty manahaky ty fahafatesa ty tsy voasavatsy amy alala ty tana ty vahiny rey iha, fa nivola zay Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh."¹¹Niavy tamiko ndraiky ty safa Yaveh manao hozao: "¹² Ry anakin'olo, mampiakara hira fisaona ho ahy ty mpanjaka i Tyro sady volano hozao aminy: 'i Tompo Yaveh mivola hozao: "iha ro fanngalan-katahaky amy ty fahatanteraha, atsiky fahendrea sady soa amy ty hasoan-tarehy. ¹³Ta Edena tao, azy baibon-Ndranahary iha. Azy vato sarotsy iaby rey le mandomboky anao: robina, topazy, emeralda, krysolita, onyksa, jaspy, safira, karneola, sady ty beryla.Vita baka amy ty volamena azy toeraao rey noho ty vohitsinao rey. Tamy ty andro namorina anao ro fa namoro anizay.¹⁴Nanenga anao tanabo ty vohitsy masin-Dranahary manahaky azy Kerobima nohosorako hiamby ty olombelo iny Zaho. Tanivo ty vato mirehitsy azy nandinao iny iha. ¹⁵Nananao ty tsy fivalihan-dalanao iha nanomboky tamy ty andro ze namorona anao le zisiky amy ty nahita ty tsy to taminao tao.¹⁶Tamy alala ty varotsy bevata rey le nanjary atsiky heriloha iha, sady lafa zay le nanota iha. Le nariako hiala amy ty vohitsin-Dranahary iha, manahaky ty raiky ze nilotoa, sady noravako iha, ry mpiamby ty kerobima, sady nandesiko baka amy ty vato mirehitsy iha. ¹⁷Niavonavo ty fonao niaraky tamy ty hasoanao; nanimba ty fahendrena noho ty fipirihanao. nandefa anao hijotso ho amy ty tany Zaho. Nanenga anao ho aloha ty mpanjaka rey eo Zaho mba hahafahandrozy hahitaky anao.¹⁸Noho ty fahota lako noho ty raharahano tsy to, le nandoto ty fipetrahanao masy iha. Le nampiboaky afo kaba aminao Zaho; handrava anao zay. Hamaliky anao ho lavenoky imasondrozy iaby ze manenty anao rey Zaho. ¹⁹Azy ze nahay anao iaby rey tamy ty olo rey le hangitikitiky aminao; havaka ndrozy, le tsy ho mandrakizay sasy iha."²⁰Sady niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: "²¹" Ry anakin'olo, atoliho a Sidona any ty vatanao sady maminania manohitsy azy. ²²Mivola hozao: "I Tompo Yaveh mivola hozao: Ingo! Manohitsy anao Zaho, ry Sidona! Fa homeam-boninahitsy anivonao eo Zaho ke le ho hay ty olonao fa zaho ro Yavehe lafa manatanteraky ty fitsara aminao Zaho.Hatoro ho masy aminao eo Zaho.²³Hampiboaky arety mandripaky aminao noho lio amy ty lalanao rey Zaho, sady ty faty le hiravoky anivonao eo. Lafa avy hanohitsy anao baka amy ty manodidy iaby ty mesobe, le ho hainao fa Zaho ro Yaveh. ²⁴Le tsy hisy fatiky mampijaly noho hampitoreo hoahy ty tarihan'Israely sasy baka amy ty manodidy azy iaby le tsy hampisy dikany ty olony, ka le ho haindrozy fa Zaho ro Tompo Yaveh!"²⁵Hozao tiasa i Tompo Yaveh: 'Lafa mamory ty tarihan'Israely baka amy ty olo tamy ty nanaparita androzy rey Zaho, sady lafa voatokana amindrozy rey Zaho, mba hahaza ty firenena rey mahita, le hanamboatsy ty fipetrarandrozy amy ty tanny ze nameako an'i Jakoba mpanompokob ndrozy. ²⁶Le hiay am-piadana aminy ao ndrozy sady hanamboatsy trano, hanao ty tanim-boaloboky sady hiay am-piadana lafa manatanteraky fitsara amy ze avy baka amy ty manodidy tsy nampisy dikany androzy rey iaby.; le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh Ndranaharindrozy!"

Chapter 29

¹Tamy ty tao faha folo, tamy ty ola faha folo tamy ty faha folo roa amby ty vola, le niay tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, ampifanatreho amy Farao, azy mpanjaka i Eggypta ty vatanao; maminania manohitsy azy noho manohitsy an'i Eggypta iaby. ³Ambarao sady volano hozao: 'Zao ty nambara i Tompo Yaveh: Ingo! Manohitsy anao Zaho, ry Farao, mpanjaka an'i Eggypta. Iha, azy biby masiaky bevata ze mivony anivo ty renirano, azy manao hozao: "Tiahy ty reniranoko. Nanoviko hoahy ty vatako zay."⁴Hasiako farango ty valanorananonao, sady fia ty Neily le handitiky amy ty kirany; haakatso baka amy ry reniranonao miarakany amy ty fia ty reniranonao ze manditiky amy ty kiranao iha. ⁵Hatorako anefitsy any iha, iha noho ty fia iaby baka amy ty reniranonao. Hiravoky ambaibo ao iha; tsy havory iha ndra hampiaky. Hameako ho hany hoahy ty raha managnay ty tany noho hoahy ty voro ty lanitsy iha. ⁶Bakeo ty mpipetraky an'Eggypta iaby hahay fa Zaho ro Yaveh, safe fa taho ty volotara hoahy ty longon'Israely ndrozy. ⁷Lafa nandramby anay tan-tanany tro ndrozy, le tampaky iha sady nivohanao ty sorondrozy; sady lafa nitanjaky taminao ndrozy, le tapaka iha, sady nampihozohozo ty tombondrozy iha. ⁸Nafa zay le zao ty nambara i Tompo Yaveh: Ingo handay mesobe hanisy anao Zaho. Hanapaky ty olo noho ty biby ly aminao eo Zaho. ⁹Le ho haolo noho rava ty tanin'Eggypta. Bakeo le ho haindrozyfa Zao ro Yaveh, safe azy granona bevata nivola hozao: "Tiahiko ty renirano, safe zaho ro nanao anizay." ¹⁰Lafa zay, Ingo! Manohitsy anao noho ty reniranonao Zaho, le hanoviko rava noho ty fonao ty tanin'Eggypta, sady ho tany fofa baka a Migdola le zisiky Syena sady zisiky amy ty sisin'i Kosy iha. ¹¹Tsy hisy tombon'olo handeha amizay, sady tsy hisy tomboky ty biby ly handeha amizay. Tsy hisy hipetraky maharitsy efa-polo tao zao. ¹²Fa hatao rava anivo ty tany rey eo tsy misy mpipetraky ty tany Eggypta, sady tanany anivo ty tana fofa rey le ho faharava maharitsy efa-polo tao; baka Eggypta eo haparitaky amy firenena rey eo, sady haparitako heniky ty tany ndrozy. ¹³Fa zao ty nambara i Tompo Yaveh: Lafa afaky efa-polo tao le havory baka amy ty olo eo amin'irey ty Egyptiana. ¹⁴Ho ampoliko ty herin'i Eggypta sady hampoliko amy ty faritsy Patrosa, azy tany niboahandrozy. Bakeo le ho fanjaka ambany ndrozy any. ¹⁵Ho ambany mare amy ty fanjaka rey zay, sady tsy ho hasondrotsy amy ty firenena sasy. Hanoviko kelikely ndrozy le tsy hanapaky amy ty firenena rey sasy. ¹⁶Tsy ho anto ty toky ty longon'Israely sasy Eggypta rey. Fe, ho fampahatiaroa ty heloky rey ze nanovin'Israely lafa nitoliky tany Eggypta mba hila fanampea ndrozy. Bakeo le nihaindrozy fa Zaho ro Tompo Yaveh." ¹⁷Tamy ty tao faha roapolo fito amby tany ty andro eloha ty vola velohany, le niay tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: ¹⁸"Ry anakin'olo, Nebokadneza azy mpanjaka an'i babylona le nampiboaky ty miaramilany mba hanao asa mare hanohitsy an'i Tyro. Ty loha iaby le sola, sady hiendaky iaby ty soroky iaby. nefa ie noho ty miaramilany le tsy nandramby karamany baka amy Tyro tany ty asa mare ze nanovindrozy nanisia anizay. ¹⁹Lafa zay le zao ty nivolanin'i Tompo Yaveh: 'Ingo! Hameako an'i Nebokadneza mpanjaka an'i Babylona azy tany zay, sady halany ty hanagnanizay, ho raany ty hanagnany, sady halany iaby ze kila raha hitany ao; zay ty ho karama ty miaramilany rey. ²⁰Fa nameako azy hokarama tany ty asa ze nanovindrozy rey ho Tiahy ty tany Eggypta — zay ty fanamabara i Tompo Yaveh. ²¹Amy zay andro zay le hampitiry tsifa hoahy ty longon'Israely Zaho, sady hampivola anao aniondrozy eo, le ho haindrozy fa Zaho ro yaveh."

Chapter 30

¹Le niay tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, maminania le volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Mikorakoraha hozao: "Loza ty andro ho ay." Marikitsy ty andro. ³Marikitsy ty andro ho ahin'i Yaveh. Ho andro mihiboky zay, fotoa hoahy ty fiafara hoahy ty firenena. ⁴Le hisy mesobe ho tiahy hanohitsy an'i Egipta, sady hisy fahararia amy Kosy ao lafa miampatsy Egipta any ty olo maty— lafa mangalaky ty hanagmay ndrozy, say lafa simba ty fototsiny. ⁵Kosy, Lybia, noho Lydia, le ty ahiny iaby miaraky amy ty olo ty fanenkea— ho maty ty mesobe iaby ndrozy. ⁶zao ty vola Yaveh: Lafa zay azy manoha an'i Egipta rey le ho maty, le ty avonao ty heriny le ho ambany. Baka amy Migdola le zisky Syena ro hahafaty azy miaramilany amy ty mesobe— zay ty fanambara ty Tompo Yaveh. ⁷Hampangaroharo anivo ty tany nafoy ndrozy, sady ty tanany rey le ho amy ty tana raa iaby. ⁸Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh, rava handoro an'i Egipta Zaho, sady lafa rava ty mpanampy azy iaby. ⁹Amizay andro zay le hisy iraky hiboaky baka alohako eo amy ty sambo mba hampihorohoro ty fiaroa i Kosy, sady hisy fijalea amindrozy amy ty andro fiafara ty ratin'i Egipta . Fa ingo! Avy zay. ¹⁰Zao ty vola i Tompo Yaveh: Hanisy fiafara ty fahamaroan'i egipta amy ty tanin'iNebokadneza, mpanjakan'i Babylona Zaho. ¹¹Ie noho ty miaramila miaraky aminy , ty fampitahora amy firenena rey, ro jhandesy handrava ty tany; hampitsoaky ty mesobenany hanohitsy an'i Egipta sady hanatsiky ty tany amy ty fatin'olo ndrozy. ¹²Hamaliky ty renirano ho tany maiky Zaho, sady hamarotsy ty tany an-tanan'olo raty fanahy. Amy ty alala ty tana ty fahavalo ro hanaoako ty tany noho ty hahatriky ho rava — zaho, Yaveh, ro fa nivola. ¹³Zao ty vola i Tompo Yaveh: Hanimba ty sampy rey Zaho, sady handay fiafara amy ty sampy tsy mendrikin'i memfisa rey. Tsy hisy mpanjaka lahilahy sasy amy ty tany Egipta, sady hanenga fampihorohoroa amy ty tany Egipta zaho. ¹⁴Le hanoviko haolo i Parosa sady horoako i Ziona, sady hanatanteraky fitsara amy i No Zaho. ¹⁵fa handraraky ty heloko amin'i Sina, azy fiaroa mafy an'i Egipta iny, sady hanapaky ty lako amy No any zaho. ¹⁶Le handoro an'Egipta Zaho; hijaly mare i Sina, ho rava i No, sady hiatsiky fahavalo saky sanadro i Memfisy. ¹⁷Ty mpamaraky a Neena any noho Pisbeseta le ho maty ty mesobe, sady tana rey le hanjary ho azo sambotsy. ¹⁸A Tapanesa any le hamonjy ty hazany ty andro lafa mandrava ty zioga i Egipta ao Zaho, sady ho tampitsy ty avonao ty heriny. Hisy raho hanaro azy, sady ty anakam-pelany rey le ho azo sambotsy. ¹⁹Hanatanteraky fitsara a Egipta ao zaho, le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh. ²⁰Le tany ty tao faha folo raiky amby, tany ty veloha ty vola, tany ty andro faha fito ty vola, le niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: "

²¹Ry anakin'olo, fa nanapaky ty sandrin'i Farao mpanjaka an'i Egipta Zaho. Ingo! Tsy nofonosa zay, na nijanga tany ty fameheha, mba hampatanjaka soa anizay mba hitanjaky mesobe. ²²Le zao ty vola i Tompo Yaveh: ' Ingo, hanohitsy an'i Farao, mpanjaka an'i Egipta Zaho. Fa hanapaky ty sandriny Zaho, azy matanjaky noho ty azy tampaky, sady handatsaky ty mesobe an-tanany eo. ²³Haparitako amy ty firenena an'i Egipta sady haeliko amy ty tany ndrozy. ²⁴Hatanjahiko azy sandry ty mpanjakan'iBabylona sady hamitiky ty mesobe amy ty tanany Zaho mba hahazako manapaky ty sandrin'i Farao rey. Halahelo aloha ty mpanjaka i Babylona eo amy ty fisentoa ty olo ho maty ie. ²⁵Fa hampatanjaky ty sandry ty mpanjaka an'i Babylona Zaho, laha mbo hiraira vy ty tana i Farao. Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh, lafa manengaty mesobe amy ty tana ty mpanjakan'i Babylona Zaho; fa hanafiky ty tanin'Egipta amizay ie. ²⁶Le haparitako amy ty firenena an'i Egipta sady haeliko heniky ty tany ndrozy. Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh."

Chapter 31

¹Tamy ty tao faha folo raiky amby, tamy ty faha telo vola, tamy ty andro velohany ty vola, le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, volano am'i Farao, aazy mpanjakan'i Egipta iny, sady amy ty olo manodidy azy iaby hoe: Amy ty fahabenao, manahaky ania iha?"³Ingo! Asyria le sedera nisy tahony soa biby ta Libanona tao, nanome alokaloky hoahy ty ala, le anabo mare tao ty halavany, le ty tahony nianiky ty raho. ⁴Rano lako ro nahalava zay; ty rano lalily ro nahabevata azy. Nikororoky nihodidy ty faritsy iaby nisy azy ty renirano, safe ty kanalin-dranonony le malalaky tamy ty kila hazo iaby tam-baibo tao.⁵Ty halavany le nandilatsy ty hazo iaby tam-baibo tao, le ty tahony le najary lako mare; niha-lava ty sampany noho ty rano lako rey laha nitiry ndrozy. ⁶Namboatsy ty tranonony tamy ty tahony teo ty voro ty lanitsy iaby, laha niteraky ty anany tambany ty ravy ty raha managnay iaby tam-baibo to. Nipetraky tambany ty alokaloky ty firenena lako iaby. ⁷Fa soa mare ze tammy ty fahasoavany noho ty halava ty tahoty, safe tamy ty rano lako ty fotony.⁸Tsy afaky nampitovia tamy zay azy sedera tamy baibon-Dranahary. Tsy nisy tamy kypreso ro nifanahaky tamy ty tahony, le ty hazo platana tsy sahy nampiataha amy ty tahony. Tsy nisy hazo faha nifanahaky tamy ty hasoany tam-baibon-Dranahary tao. ⁹Nanoviko soa biby tamy ty tahony lako zay le ty hazon'i Edena ze tam-baibo iaby ze tamy ty baibon-Dranahary le nialo anizay.¹⁰Lafa zay le zao tiasa i Tompo Yaveh: Safe lava tamy ty vohitsy ie sady tanelenel ty tahony ro nanenga ty tendrony, nanondrotsy ty fony zay noho ty hahabony. ¹¹Nameako tan-tana ty azy raiky mahery azy firenena rey ie, mba hifanaraky amizay sahaza ty faharatiany. Fa nariabo tambaliky tany zay.¹²Azy vahiny ze horohoroan'i firenena iaby ro nanapaky azy ho maty. Niravoky tambohitsy noho ty lany malemy iaby ty tahony, le azy tahony rey le mipetraky ho potipotiky amy ty riaky ty tany iaby. Le niboaky baka ambany alokin'ny iaby ty firenena ta-tany etoy sady niala lavitsy zay.¹³Ty voro ty lanitsy iaby le niegny tamy ty vata ty hazo niravoky, le ty biby iaby tam-baibo eo le nagnato ty tahony. ¹⁴Niseho zay mba tsy hisy hazo hafa hitiry anila ty rano eo le hampakatsy ty raviny baka amy ty hahabo ty hazo abo mare, sady mba tsy hisy hazo hafa hitiry anila ty rano eo le hahatratsy ty hahabo zay. Fa nitinginy ho amy ty fahafatesa iaby ndrozy, ho ambany ty tany any, amy ty anak'olo mbelo, miaraky amy ze mijotso an-davaky any.¹⁵Zao ty vola i Tompo Yaveh: Tamy ty andro zay nijotsoa ty sedera tamy ty fiaina tsy hita le nanday fisaona tan-tany tetoa Zaho. Nolongofako tanabonizay ty rano laliky, sady nahamitsiko ty ty rano ty riaky bevata, sady nanday fisaona tamy Libanona ho tiazy Zaho. Le nisaona ty hazo ty baibo iaby noho zay.¹⁶Nanday fangitikitiha tamy ty firenena tamy ty feo fitonta Zaho, lafa natorako tamy ty fiaina tsy hita niaraky amy ze nijotso tan-davaky ie. Le nampiono ty hazo ty Edena iaby tamy ty tambany ty tany Zaho. Rey ro hazo natoka ho soa mare tiahy Libanona; le azy hazo ze nino ty rano.¹⁷Fa nijotso tamy ty fiaina tsy hita niaraky tamizay aao ko rey, ho amy ty ze nimaty ty mesobe. rey ty sandriny mahery, azy fireena ze nipetraky tamy ty alokin'ny. ¹⁸Ia amy hazo ta Edena tao ro manahaky anao amy ty voninahitsy noho ty fahasoa? Fa haraoky miaraky amy ty hazon' i Edena ho amy ty fanambania ty tany amy ty tsy voasaatsy rey iha; hiay manahaky ty ze maty ty mesobe rey iha.' Farao noho ty olony iabyzay --- zay ty fanambara i Tompo Yaeh."

Chapter 32

¹Tamy ty vola faha folo roa amby ty tao faha folo roe amby, tamy eloha ty vola, le niay tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, mampiakara fisaona mikasiky an'i Farao azy mpanjakan'i Egipta; volano hozao ie: 'Manahaky ty liona tanora amy ty firenena rey iha, fe manahaky ty biby masiaky andriaky ao; nijoboky tanay ty rano ao iha, sady migobagoba ty rano an-tomboky le nandoto ty ranon-drozy.³Zao ty ola i Tompo Yaeh: Le handatsaky ty haratoko aminao eo amy ty fivorina ty olo lako eo Zaho, sady hampiakatsy anao amy ty haratoko ndrozy. ⁴Hanenga anao amy tany zay ao Zaho. Hatorako am-baibo ao iha sady havoriko aminao eo ty voro ty lanitsy iaby; ho vintsy handresatsy aminao ty hamosary ty biby velo amy ty tany iaby.⁵Fa hanenga ty nofitsinao ambohity eo Zaho, sady ho atsehako ty fahalova ty fatinao ty tany melemu rey. ⁶Sady handraraky ty lionao heniky ty vohitsy Zaho, sady ho atsiky ty lionao ty kitrelinao.⁷Sady lafa hamono anao Zaho, le handomboky ty lanitsy noho haiky ty kintandrozy; ho saforako raho ty masoandro, sady tsy hipiriaky amy ty hazava ty vola. ⁸Hampahiky ty fahazavany ty lanitsy iaby aminareo eo Zaho, sady hanaro ty haiky amy ty naninareo eo --- zay ro fanambara i Tompo Yaveh.⁹Le hampihorohoro ty fo ty olo lako amy ty tanny ze tsy hainao rey ao Zaho, lafa mariniky handay fitonta ho ahinao amy ty firenena rey eo, amy ty tany ze mbo tsy hainao rey Zaho. ¹⁰Hahameloky olo lako mikasiky anao Zaho; hangitikitiky ty haaka mikasiky anao azy mpanjakandrozy rey lafa mampitsinjaky ty mesobeko amy ty olondrozy rey eo Zaho. Amy ty fotoa iaby le hangitikitiky noho iha ty kiraikraiky, amy ty andro ty faharavanao.¹¹Fa zao ty vola i Tompo Yaveh: Ho avy hanohitsy naao ty mesobe ty mpanjaka i Babylona. ¹²Hanoviko ho maty mesobe ty mpialy rey ty olo lakonao rey--- mpialy samby fampitahora ty firenena rey. Azy mpialy rey le handrava ty avonavon'Egipta noho hamotiky azy olo lakony rey. ¹³Fa hamotiky ty biby fihary iaby baka anila ty rano lako mare rey eo Zaho; Tsy hanagobagoba ty rano sasy ty tombo ty olo, ndra hitsapa ty kitro ty biby fihary. ¹⁴Bakeo le hampilamy azy ranony noho hampikororoky azy reniranony manahaky ty menaky rey Zaho--- zay ty fanambara i Tompo Yaveh.¹⁵Lafa nanoviko ho haolo ty tany Egipta, lafa sakana amy ty fiatrehany iaby ty tany, lafa manafiky ty mpipetraky aminy ao iaby Zaho, le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh. ¹⁶Hisy fisaona heniky androzy anakam-pela ty firenena; hisaona heniky an'i Egipta ndrozy, amy ty olony lako eo ro hisaondrozy--- zay ty vola i Tompo Yaveh."¹⁷Tamy ty faha folo roe amby ty tao, tamy ty andro faha folo limy amby ty vola, le niay tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ¹⁸"Ry anakin'olo, mitania hoahy ty olo lakon'i Egipta sady ampivotso ndrozy--- ie noho ty anakampelany azy firenena bevata rey--- ho amy ty tany ambany mare miara amy ty ze nijotso an-daaky ao. ¹⁹Le soa mandilatsy ty olo hafa vatany va iha? Mijotsoa le miapara miaraky amy ty tsy voasavatsy." ²⁰Ho maty amy ty ze maty ty mesobe ndrozy. Fa vita soritsy ty mesobe! Fa namea ty mesobe ie; hisambotsy androzy noho ty olony lako ndrozy. ²¹Hanambara mikasiky an'i Egipta noho ty mpiharo lia amy ty mpialy mare biby hoe: 'Fa nijotso tetoa ndrozy! Hiampatsy miaraky amy ty tsy voasaatsy, miaraky amy ze maty ty mesobe rey ndrozy.²²Asyria noho ty fiangnany iaby le ao. Mihodidy azy ty lolony; ndrozy iaby le maty tany ty mesobe.²³Azy ze mana lolo namboary amy ty fanala rivotsy ty lavaky le ao, miaraky amy ty kila fiangonany iaby. azy lolony rey le mihodidy amy ze maty rey, azy maty ty mesobe rey, azy nanday horohoro tany ty tany ty velo teo. ²⁴Miaraky amy ty olony lako a Elama ao iaby. Mihodidy azy ty lolony; maty iaby ndrozy. Azy ze maty ty mesobe, azy tafitsy tsy nosavary amy ty fanambania ty tany, ze nanday ty horohorondrozy tany ty tany ty velo noho nanday ty fahalatsam-barakany manoka, miaraky amy ty mijotso an-daaky ao. ²⁵Nanenga ty kitapo fandria ho tiahin'i Elama noho ty olony lako iaby anivo ty fatindrozy eo; mihodidy azy ty lolony. Ndrozy iaby le tsy voasavatsy, voalefo ty mesobe, safe nanday ty horohorondrozy tany ty tany ty velo teo ndrozy. Le nanday ty fahafaham-barakan-drozy, miaraky amy ty ze mijotso an-davaky ao rey amy azy fa maty rey, azy mijotso an-davaky ao. Elama le anay azy maty iaby rey.²⁶Mesela, Tobala, noho ty olony lako iaby rey le tao! Mihodidy androzy ty lolony. Ndrozy iaby le samby tsy voasavatsy iaby, maty ty mesobe., safe nanday ty fampitahora tany ty tany ty velo ndrozy. ²⁷Tsy niaraky niampatsy amy ty mpialy tsy voasavatsy maty ze nijotso tany ty fiaina tsy hita miaraky amy ty fitaam-pialiany ndrozy, sady niaraky tany ty mesobeney rey nenga tambanny ty lohandrozy noho ty hahadisoany amy ty taolandrozy rey eo. Fa ndrozy rey ro mpampatahotsy ty mpialy ammy ty tany ty velo ao. ²⁸Lafa zay iha, ry Egipta, le ho rava anivo ty tsy voasavatsy rey eo! Hiampatsy manoriky ty azy voatomboky ty mesobe rey iha. ²⁹Ao i Edoma noho ty mpanjakanny rey sady azy mpitarikiny rey. Fa nenga amy tanjakany miaraky amy ty maty ty mesobe ndrozy rey. Miaraky niampatsy amy ty tsy voasaatsy ndrozy, miaraky amy ze nijotso tan-davaky. ³⁰Azy mpanjaka avaratsy rey le ao--- ndrozy iaby miaraky amy ty Sidoniana iaby ze nijotso niaraky tamindrozy azy voatomboky. Nahery noho nampitahotsy ty hafandrozy, fa anay ty hentsy ndrozy henanizao, tsy voasavatsy miharo amy azy voatomboky mesobe. Manday ty fahafaham-barakany ndrozy, miaraky amy azy ze nijotso tan-davaky tany. ³¹Nagnety i Farao sady hampionony amy ty olony lako iby ze voatomboky ty mesobe--- Farao noho ty miaramilany iaby--- zay ty volan'i Tompo Yaveh. ³²Nengaho ho

mpampatahotsy amy ty tany ty velo ie, fe hiampatsy anivo ty tsy voasavatsy ie, amy azy voatomboky ty mesobe, i Farao noho ty olony lako iaby--- zay ty fanambara i Tompo Yaveh."

Chapter 33

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakino'olo, ambarao amy ty olonao zao; volano hozao ndrozy: 'Lafa manday mesobe hanohera ty tany iaby Zaho, le hamgalaky olo raiky amindrozy ty mpipetraky amy ty tany zay le hanao azy ho mpitily ho ahindrozy. ³Manenty ty mesobe fa niavy amy ty eo eo ie, sady mitioky anjomarany mba hampitandry ty olo! ⁴Laha mikoboky ty feo ty anjomara ty olo fe tsy midary, sady laha niavy ka mamono androzy ty mesobe, le ty lio ty kiraikiraiky le ho andohany eo avao. ⁵Laha misy olo mahare ty feo ty anjomara le tsy midary, le ho amy ty liony; fa laha midary ie, le hahavonjy ty ainy. ⁶Ndra zay aza, laha hita ty mpitily fa ingo ty mesobe, fe lafa tsy mitioky anjomara ie, le ty vokany le tsy nafapatsy ty olo, sady lafa niavy ty mesobe le manafaky ty ain'olo, le maty ty fahotany avao azy olo zay, fa eritseretiko amy azy mpitily ty liony. ⁷Le iha ry anakin'olo! Fa nanoviko mpitily hoahy ty longo ty Israely iha; hahare ty safa baka amy ty vavako iha le hampitandry androzy amy ty anarako. ⁸Laha mivola amy ty raty fanahy hozao Zaho: ' Ry raty fanahy, ho maty vatany iha!' fe laha tsy manambara anizay ndra mampitandry ty raty fanahy amy ty fanaony iha, le ho maty ty fahotany ie azy raty fanahy iny, fe takiako amy ty tananao ty liony! ⁹Fe iha, laha mampitandry ty raty fanahy amy ty fanaony, mba hialany amizay, sady laha tsy miala amy ty fanaony ie, le ho maty ty fahotany ie, fa iha hahavonjy ty ainao. ¹⁰Le iha, ry anakin'olo, volano amy ty hozao amy ty longon'Israely: 'Zao ty volaninareo: "Ty fahadisoanay noho ty fahotanay le aminay eo, sady vetrahanirey zahay! manao akory ro hahavelo anay?"' ¹¹Volano hozao ndrozy: 'Laha mbo velo avao Zaho---zay ty vola i Tompo Yaveh--- le tsy mankasitraky ty fahafatesa ty raty fanahy Zaho, fa laha mifona amy ty raty fanaony ty raty fanahy, le ho velo ie! Mifona! Mifona amy ty fomba ratinareo! Fa manino ro tokony ho maty nareo, ry longon'Israely?' ¹²Le heneny io iha ry anakin'olo, volano hozao ty olonao: 'Ty hato ty olo to le tsy hanavotsy azy laha nanota ie! Ty faharatia ty raty fanahy tsy hamono azy laha mifona amy ty fahotany ie! Fa tsy afaky hiay amy ty fahamarina ty olo to laha manota ie. ¹³Laha mivola amy ty to manao hozao Zaho: "'Ho velo vatany ie!" sady laha mitama amy ty fahamarinany ie le manao ty tsy rariny, le tsy hahatiaro ze hatony Zaho. Ho maty ty faharatia nanoviny ie. ¹⁴Ka laha mivola amy ty raty fanahy hozao Zaho: "Ho maty vatany iha", fe laha mifona hiala amy ty fahotany noho manao ze to noho mahity ie--- ¹⁵laha manampoly ty antoky ty fandoavan-drala ze nangatahiny tany ty faharatia ie, sady laha mandeha amy ty lalà ze nanday fiaina le tsy nanota sasy--- le vatany ho velo ie. Tsy ho maty ie. ¹⁶Tsy misy ho tiarovy sasy ty fahadisoa ze nanoviny. Fa nanao ty to noho mahity ie, lafa zay, le ho velo vatany ie! ¹⁷Fe hoasa ty olonao: "Tsy rariny ty fanaandesa ty Tompo!" kanefa ty fombanareo ro tsy rariny! ¹⁸Laha miala amy ty hatony ty olo- to, le ho matin'izay ie! ¹⁹Laha miala amy ty faharatia ty raty fanahy le manao ze mahity noho ty hato, le ho velo noho raha rey ie! ²⁰Fe nareo olo rey manao hozao: "Tsy rariny ty fanadesa i Tompo!" Hitsara ty kiraikiraiky aminareo araky ty lalany iaby Zaho, ry tariha Israely!" ²¹Le tany ty tao fa folo roa amby, tany ty andro faha limy ty vola fahafolo ty fihazooanntsika sambotsy, ro nisy mpifalo niavy tamiko teo baka Jerosalema le nanao hozao:" ²²Azo azy tana iny!" Tany ty hariva taloha ty niavia ty mpifalo le tamiko teo ty tana Yaveh, le ty vavako le nisokatsy tany ty fotoa niavianny tamiko teo tany ty maraidray. Le nisokatsy ty vavako; tsy moa sasy zaho! ²³Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²⁴"Ry anakin'olo, azy mipetraky azy mipetraky amy ty rava amy ty tanin'Israely ao le miresaky manao hozao: 'Olona raiky avao i Abrahama, sady nandova azy tany iny ie, nefa tsika lako! Namea antsika mba ho hanagna azy tany iny, ²⁵Lafa zay le volano hozao amindrozy: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Mihinan-dio nareo, sady mampianandra ty masonareo amy ty sampinareo any, bakaeo le nandraraky lion'olo nareo. Tokony hana ty tany vatany va nareo? ²⁶Fa nianky tany ty mesobe nareo nareo sady fa nanao raha mampangaroharo; ty lahilahy kiraikiraiky le mandoto ty valy ty mpiharo petraky aminy. Tokony hahazo tany vatany va nareo?" ²⁷Zao ty ho volaninao amindrozy: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Laha mbo velo avao Zaho, le ho maty ty mesobe vatany azy olo amy ty rava rey, sady azy ambaibo any rey le hameako ho hany ty raha managnay, sady azy amy ty fiarova mare noho anay ty lakato rey le ho maty ty arety mandripaky. ²⁸Le avaliko ho haolo noho hihorohoro ty tany, sady ho rava ty avonavo herin'izay, fa ho haolo ty vohitsy Israely, le tsy hisy ndra ia ndra ia handrio amy rey eo.' ²⁹Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh, lafa manao ty tany ho haolo noho horohoo noho ty fahavetaveta nanovindrozy iaby rey Zaho. ³⁰Henanizao iha, ry anakin'olo--- ty olonao le mivola raha mikasiky anao anila ty manda noho ty vavahady ty trano rey, le mifampivola ty kiarakiraiky--- ty kiraikiraiky amy ty rahalahiny manao hozao: ' Ndao tsika handeha sady hijanjy ty safa ty mpaminany ze baka amy Yaveh!' ³¹Le ho avy aminao eo ty oloko, manahaky ty fanaony tsikanikany, le hipetraky miatriky anao sady hijanjy ty safanao rey, fe tsy hanoriky anizay ndrozy. Azy safa to rey ro ambavandrozy, fe ty fony le manoriky ty tombony tsy ara-dala. ³²Fa manahaky ty hira soa ho ahindrozy rey iha, feo soa ze nitendrea soa tany ty lokanga, le nijanjy ty safanao rey ndrozy, fe tsy hisy amindrozy hanoriky anizay. ³³Ka lafa miseho ze kila raha iaby zay--- Inngo! ho hiseho zay! --- le ho haindrozy fa nisy mpaminany taminy teo."

Chapter 34

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hzao: ²"Ry anakin'olo, maminania manohitsy ty mpiamby ty aondrin'Israel. Maminania le volano hozoandrozy: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh amy ty mpiamby aondry rey: Loza hoahy ty mpiamby aondrytiahy Israely ze miamby ty vatandrozy avao. Vasa tsy tokony hiamby ty aondry noh ty aosy ty mpiamby aondry? ³Homa ty ilany vondraky rey iha sady misafotsy volon'aondry. Mamono ty vondraky ty aondry iha. Tsy miamby aondry zao iha. ⁴Tsy nanamafy azy mana arety rey iha, na nahajanga azy marary rey. Tsy nampipitiky azy tampaky rey iha, sady tsy nampipoly zy voaroaky rey ndra nila ty trobo. fe, mandidy amindrozy amy ty alala ty hery noho ty nehaneha iha. ⁵Bakeo le nibaibay tsy nisy mpiamby ndrozy, le nanjary hany hoanhy ty biby ly ambaibo eny, tafara ty nanaparitaha androzy. ⁶Nikarikarioky heniky ty vohitsy iaby noho ty anabo ty vohitsy iaby ty aondriko, sady naparitaky heniky ty tany zay. Fe mbo tsy nisy olo nila rey. ⁷Lafa zay ry mpiamby aondry, janjino ty safa Yaveh: ⁸Laha mbola velo avao Zaho---zay ty vola i Tompo Yaveh--- safe manjary azo ty bibi ly ho hany ambaibo any iaby ty aondriko, safe tsy nisy mpiamby aondry sady tsy nisy tany ty mpiamby aondriko nila ty aondriko, fa niamby ty vatany avao azy mpiamby aondry fa tsy niamby ty aondriko. ⁹fa zay, ry mpiamby aondry, janjino ty safa Yaveh: ¹⁰Tompo Yaveh mivola hozo: Ingo! manohitsy ty mpiamby aondry Zaho, le hitaky ty aondriko an-tanandrozy rey Zaho. Bakeo le roasiko amy ty fiambena ty aondriko ndrozy rey; ndra ty mpiamby aondry aza tsy hiamby ty vatandrozy avao sasy safe hangalaky ty aondriko tsy ho amy ty vavandrozy rey Zaho, mba tsy ho haninandrozy sasy ty aondriko. ¹¹Fa Tompo Yaveh mivola hozo: Ingo! Hila ty aondriko Zaho sady hikarakara anirey, ¹²manahaky ty mpiamby aondry mila ty aondry amy ty andro lafa anivo ty aondry miparitaky ie. Lafa zay le hila ty aondriko Zaho, sady hamonjy androzy amy ty kila toera ze nampiparitaha androzy iaby amy ty andro ty raho noho ty maiky. ¹³Bakeo handesiko miboaky amy ty andro ty olo ndrozy; havoriko amy ty tany ndrozy sady handesiko ho amy ty tanindrozy. Hanenga androzy amy ty tanin'akata ty sisysy ty vohitsy Israely rey, amy ty renirano, sady amy ty fipetraha iabby amy ty tany ao Zaho. ¹⁴Hanenga androzy amy ty ahitsy soa Zaho; ty vohitsy anabo ty Israely ro fipetraha ty akatany. Handry amy ty fipetraha soa fihinanan'akata rozy, amy ty tany atsiky akata, sady hihina amy ty vohitsy tiahin'Israely ndrozy. ¹⁵Zaho mihintsy ro hiamby ty aondriko, sady zaho mihintsy ro hampatory androzy--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- ¹⁶Hila ty trobo Zaho sady hampipoly ze noroasy. Hamenhy ty aondry tampaky rey Zaho sady hahajanga ty aondry marary fa ty vondraky noho ty mare le ho ravako. Hiamby ty aondry amy ty rariny Zaho ¹⁷henanizao iha, ry aondriko--- zao ty vola i Tompo Yaveh---ingo, ho mpitsara amy ty aondry noho ty aondry Zaho sady amy ty aondry lahy noho ty aosy lahy. ¹⁸Vasa tsy ampy ho hany vasa ty akata soa?, ro tsy maintsy ho hitsakitsahanao amy ty tombonao ty ilany tavela amy ty akata; sady hinoma ty rano malio, ro tsy maintsy ho lotoa ho fotaky amy ty tombonao ty renirano? ¹⁹Vasa ty aondriko tsy maintsy homa amy ze nitsakitsahanao tany ty tombonao, sady mino amy ty nolotoanao ho fotaky tany ty tombonao? ²⁰Lafa zay i Tompo Yaveh le mivola hozo amindrozy: Ingo Zaho mihintsy ro hitsara ty aondry vondraky noho ty mahia, ²¹safe nareo fa nampisitrisitsy androzy tany ty vanianareo noho ty sorokinareo, sady fa nitsifarinareo tany ty tsifanareo azy malemy rey zisiky nanaparitahanareo androzy niboaky ty tany. ²²Hamonjy ty aondriko Zaho sady tsy azo sambotsy sasy ndrozy, sady hitsara amy ty aondry raiky noho raiky hafa Zaho! ²³Hanenga mpiamby aondry raiky amindrozy rey Zaho, le i Davida mpanompoko. Hiamby androzy rey ie, hanome hany androzy rey, sady ho mpiamby ndrozy rey. ²⁴Fa Zaho Yaveh, ho Ndranaharindrozy, sady i Davida mpanompoo le ho mpanjka amindrozy rey eo--- Zaho Yaveh, ro fanambara anizay. ²⁵Le hanao fanenkeampilongoa amindrozy rey Zaho sady hangalaky ty biby ly masiaky baka amy ty tany, mbahahaizandrozy miay amy ty filamina amy ty tany maiky sady hiroro soa amy ty ala rey. ²⁶Hanandesako fitahia ndrozy noho amy ty toera mohodidy ty vohtsiko, safe hampilatsaky ora amy ty andro voatingy Zaho. Ho ora ty fahasoava zay. ²⁷Le hamokatsy ty voany ty hazo ty baibo, le ty tany le hanome alala amy ty vokatsiny. Ho voaaro amy ty tanindrozy ty aondriko; le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh; lafa manapaky ty hily ty zioandrozy rey Zaho, noho lafa manavotsy androzy baka amy ty tany ze manandevo androzy rey. ²⁸Tsy ho gadra hoahy ty firenena sasy ndrozy, sady tsy hitely androzy sasy ty bibily anabo ty tany. Fa hiay ampiadana ndrozy, sady tsy hisy ndra ia ndra ia hampatahotsy androzy. ²⁹Fa namboatsy toerana fambolena milamy ho ahindrozy rey Zaho mba tsy ho maty ty mosary sasy ndrozy amy azy tany iny ao, sady azy firenena rey tsy handay tsy fampisia dikany amindrozy. ³⁰Le ho haindrozy fa Zaho Yaveh Ndranaharindrozy, le miarakany amindrozy. Ndrozy rey ro oloko, ty longo ty Israely--- zay ty fanambara i Tompo Yaveh. ³¹Fa nareo ro aondriko, aondry noho ty aosy ty akatako, sady oloko, sady Zaho Ndranaharinareo--- zay ty vola i Tompo Yaveh."

Chapter 35

¹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ²"Ry anakin'olo, ampanatreho ty Vohitsy Seïra ty vatanao sady maminania manohitsy zay. ³Volano hozao amizay: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo, Manohitsy anao Zaho, ty Vohitsy Seïra, sady hanisy anao amy ty tanako Zaho sady hanao anao ho haolo noho hangitikitiky.⁴Ho ravako ty tananareo rey, le nareo le hanjary faharava; bakeo le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. ⁵Safe vahavalo tamy ty olon'Israely zisiky amparany nareo, sady safe fa nandefa androzy tan-tana ty mesobe nareo tamy ty fotoa ty fijaliandrozy, tamy ty fotoa ty naha be ty sazindrozy. ⁶Lafa zay, laha mbo velo avao Zaho--- zay ty fanambara i Tompo Yaveh--- le hampiomana anareo amy ty fandatsahan-dio Zaho, sady hanenjiky anareo ty fandatsahan-dio! Safe tsy hibokanreo ty fandatsahan-dio, le hanenjiky anareo ty fandatsahan-dio.⁷Ho ataoko faharava vatany ty Vohitsy Seïra lafa hangalaky baka amizay iaby ze mandrio noho ty mimpolipoly amizay eo Zaho.⁸ Le hatsefiko amy ty lohandrozy ty vohitsy zay. Azy vohitsy anabonareo noho ty baibo sady ty loharannareo iaby--- azy ze maty ty mesobe le hiravoky amy rey. ⁹Ho anoviko faharava mandrakizay nareo. Tsy hisy mpipetraky ty tana nareo, fa ho hainareo fa Zaho ro Yaveh.¹⁰Iha fa nivola hozao: "Azy firenena roa rey noho ty tany roe rey le ho tiahy, ka hana azy rey ho hangna tsika, "ndra niaraky tamindrozy aza Yaveh. ¹¹Lafa zay, laha mbo vel avao Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- le hanao araky ty helokinao noho ty araky ty fialona ze nanananao tamy Israely Zaho, sady haneho ty vatako amindrozy rey Zaho lafa mitsara anao.¹²Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh. Fa nahare ty tsy fampisia dikany ze nivolaninareo tamy ty vohitsy Israely rey Zaho, lafa nivola hozao nareo: "Fa rava ndrozy; fa nomea taminay teo mba ho hately ndrozy." ¹³Fa nanondrotsy ty vatanreo tamiko tamy ze nivolannareo nareo, sady nampitombo ty safa ze nanoheranareo Ahy; sady reko iaby zay.¹⁴Zao ty vola i Tompo Yaveh; Ho hanoviko rava nareo, laha mbo mifaly ty tany iaby. ¹⁵Laha mbo mifaly amy ty lova ty olon'Israely noho ty faharavany nareo, le hanoviko aminareo koa zay. Hanjary faharava iha, ry Vohitsy Seïra, le i Edoma ibay--- zay iaby zay! Le ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh.""

Chapter 36

¹"Henanizao iha ry anakin'olo, maminania amy ty vohitsy Israely le volano hozao: 'Ry vohitsy Israely, janjino ty safa Yaveh. ²Zao tyvola i Tompo Yaveh: Fa niresaky mikasiky anareo manao hozao ty fahavalo: "Hia!" le nanjary fanagnanay ty toera anabo taloha. ³"Lafa zay maminania le volano hozao: Zao ty vola i Tompo Yaveh: Noho ty faharavanareo noho ty fanafiha ze niavy taminareo teo baka amy ty kilatany iaby, le fa nanjary azo ty firenena hafa nareo; fa nanjary foto-kevisy ty sony noho ty lela mpanarasara nareo, sady volany ty olo. ⁴Lafa zay ry vohitsy ty Israely, janjino ty safa i Tompo Yaveh: Zao ty vola i Tompo Yaveh amiareo vohitsy noho ty vohitsy anabo, amy ty baibon-driaky noho ty baibo, amy ty mpietraky amy ty faharava noho ty tana haolo ze fa nanajary ho azo sambotsy noho ty foto-kevitsy ty tsy fampisia dikany hoahy ty firenenena hafa ze mihodidy androzy— ⁵lafa zay i Tompo Yaveh le mivola hozao: Fa nivola tamy ty afaom-pahamelohako manohitsy ty firenena hafa vatany tao Zaho, manohitsy an'i Edoma noho ze nangalaky ty taniko iaby hoahy ty vatany ho fanana. manohitsy ty iaby ze nanintsy tanainy tao noho tsy nampisy dikany tamy ty fanahindrozy rey tao, araky ty nandravandrozy ty taniko ze mety hanamboarandrozy tany ty akatany ho ahim-batandrozy. ⁶Lafa zay, maninania amy ty tany Israely sady volano amy ty vohitsy noho ty vohitsy anabo, amy ty baibon-driaky noho amy ty baibo manao hozao: 'zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo! anay ty heloko ro ivolanakoanaizay safe nanday ty tsy fampisia dikany ty firenenana nareo. ⁷Lafa zay, zao ty vola i Tompo Yaveh: Zaho mihintsy ro hanampiakatsy ty tanako hifanta fa azy firenena ze mihodidy anareo le vatany handay fahafaham-baraky manoka. ⁸Fa nareo, ry vohitsy Israely, hitombo tahony noho hamokatsy hoahy Israely oloko nareo, safe himpoly aminareo tsy ho ela ndrozy ⁹Fa ingo, hiaro anareo Zaho, sady manday anareo amy ty fankahasitraha; ho asay noho ho fafaza amy ty voa nareo. ¹⁰Le hampitombo ty vohitsin'olo aminareo eo Zaho amy ty longo ty Israely ao iaby, kilaraha aby zay. Hisy mpietraky amy ty tana rey sady hajaria ndraiky azy simba rey. ¹¹Hampitombo ty olo noho ty biby ly aminareo eo Zaho sady ty vohitsy mba hitombo noho hahavokatsy ndrozy. Le hahavy anareo hampisy mpietraky manahaky anareo taloha teo zaho, sady harovako mandilatsy noho ty vitanareo fa Zaho ro Yaveh. ¹²Handay olo Zaho, ry Isrealo oloko, mba handeha aminareo eo. Ho hanagnandrozy rey iha, le ho lovany, sady tsy hahavy ty anandrozy ho maty sasy iha. ¹³Zao ty vola i Tompo Yaveh: Safe ndrozy ro mivola aminareo hozao: "Mandevy olo iha, sady fa maty ty anaky ty firenenanao, ¹⁴lafa zay le tsy handevy olo sasy nareo, sady tsy hanao ty firennareo hisaona ty fahafatesandrozy sasy. Zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁵Ndra hanenga anareo hahare ty tsy fampisia dikany ty firenena sasy Zaho; tsy handay ty henatsy ty olo sasy nareo na hahavy ty firenenareo ho ambany— zay ty fanambara ty Tompo Yaveh. ¹⁶Le niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: ¹⁷"Ry anakin'olo, lafa nnietraky tamy ty tany ty longon'Isrealo, le nandoto anizay tamy ty fombany noho ty asany. Ty fombandrozy le manahaky ty fahalotoa ty fotoa ty lio ty ampela alohako eo. ¹⁸Le nailiko tamindrozy rey teo ty heloko noho ty lio ze nalatsandrozy tamy ty tany noho ty fandotoan-drozy zay tamy ty alala ty sampiny. ¹⁹Naparitako tamy ty firenena teo ndrozy; naparitaky heniky ty tany ndrozy. Notsarako araky ty fombany noho ty asany ndrozy. ²⁰Bakeo ndrozy nandeha amy ty firenena, sady ndra aia ndraaia nandinandrozy, le tsy nampisy dikany ty narako masy ndrozy lafa nivola tamindrozy hozao ty oloko: 'Rey vatany va ty olon'Yaveh? Fa efa nanda ty taniny ndrozy. ²¹Fa nana fo miferinay hoahy ty anarako masy bze fa nilotoa ty longo ty Isrealo tamy ty firenena teo Zaho, lafa nandeha tany ndrozy. ²²Le volano hozao amy ty longon'Israely: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Tsy manao anizay noho aminareo Zaho, ry longon'Israely, fa noho ty anarako masy, ze fa nilotoaareo tamy ty firenena iaby ze fa nandinanareo. ²³Fa hanao ty anarako bevata masy Zaho, ze fa nilotoanareo tamy ty firenena rey teo— tanivo ty firenena, ro ty nampisianareo dikany anizay. Sady le ho hay ty firenena fa Zaho ro Yaveh— zay ty fanambara i Tompo Yaveh— lafa hitanareo fa masy Zaho. ²⁴Ho alako baka amy ty firenena rey nareo sady havoriko baka amy ty kila tany iaby, le handesiko amy ty taninareo nareo. ²⁵Bakeo ho tsipazako rano malio aminareo eo mba ho voalio amy ty fahalotoanareo, sady ho sasako amy ty sampinareo iaby nareo. ²⁶Hameako fo syfanahy vaoavao nareo anainareo ao, sady hapotako amy ty fonareo ty fo vato. Fa hameako fo nofo nareo. ²⁷Hanenga ty fanahiko aminareo ao Zaho sady hahavy anareo hanoriky ty lalako noho hidary ty liliko, le ho hanovinareo rey. ²⁸Sady hipetraky amy ty tany ze nameako ty razanareo nareo; ho oloko nareo, sady Zaho ho Ndranaharinareo. ²⁹Fa ho avotako bakaamy ty fahalotoanareo iaby nareo. Hikaiky ty vary noho hampitombo anizay Zaho. Tsy hasiako mosary sasy aminareo eo. ³⁰Hampitomboako ty voa ty hazo noho ty vokatsy ty baibo mba tsy handay ty henatsy ty mosary amy ty firenena eo sasy nareo. ³¹Le hahatiaro ty fomba ratinareo noho ty asa ratinareo ze tsy soa nareo, sady hampiseho fangaroharoa amy ty tarehinareo noho ty fahadisoanareo noho ty asa mampangaroharo nareo avao nareo. ³²Npho nareo le tsy manao hozay Zaho— zay ty vola Tompo Yaveh— tokony ho hainareo zay. Lafa zay engaho ho menatsy noho latsa-baraka noho ty fomabanareo nareo, ry longo y Israely. ³³Zao ty vola i Tompo Yaveh: Amy ty andro ze nhansako anareo amy ty fahadisoanareo iaby, le hampitoeriko amy ty tana nareo sady hanamboatsy ndraiky ty toera fa simba. ³⁴Fa ho

hasa nareo ndraiky ty tany rava zisiky hiavia zay tsy ho faharava amy ty maso ze mandrip iaby sasy.³⁵ Le hivola hozao ndrozy: "Rava ty tana toy, fe nanjary manahaky ty baibo i Edena ie; azy tana rava noho ty tana tsy misy mpipetraky ze norava le narova mare sady nipetraha henanizao."³⁶ Bakeo azy firenena hafa mihodidy anao le hahay fe Zaho ro Yaveh, fa Zaho ro nananga ty rava noho nampamokatsy ndraiky azy toera fa foa rey. Zaho ro Yavhe. Fa nivolaniko zay sady ho hanoviko.³⁷ Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ho hangataha ty longo Israely ndraiky Zaho hoe mba hanao zay ho ahindrozy rey, mba hampitombo anrozy manahaky y olo lako. manahaky ty aondry voatingy hoahy ty soro.³⁸ Manahaky ty aondry a Jerosalema amy ty fanasany voatingy, le ho atsiky olo lako ty tana simba sady ho haindrozy fa Zaho ro Yavhe."

Chapter 37

¹Tamiko teo ty tana Yavhe, le nanday ahy niboaky tamy alala ty fanahy Yaveh le sady nanenga ahy tanivo ty baibo; atsiiky taola zay. ²Le nampandinany hiodiky tamizay zaho. Ingo! Lako isaky tamindrozy ro tam-baibo eny. Ingo! maiky mare vatany ndrozy. ³Hozao tiasany tamiko: "Ry anakin'olo, afaky miay ndraiky va retia? "Le hozao tiasako: "Ry Tompo Yaveh, Iha raiky avao ro mahay." ⁴Le nivola tamiko hozao ie: "Maminania amy ty taola rey sady volanno hozao ndrozy: 'Ry taola maiky. Janjino ty safa Yavhe. ⁵Zao ty vola i Tompo Yaveh aminareo taola retia: Ingo! henenga fofonay aminao Zaho, sady ho velo iha. ⁶Henenga hozatsy heniky anao Zaho sady handay nofitsy aminao. Hanatsiky holitsy anao Zaho sady hansy fofonay anainao mba hiay iha. Le ho hainao fa Zaho ro Yaveh." ⁷Le naminany araky ty nandidiany ahy zaho; lafa zaho naminany, le ingo, nisy feo niavy, ze mangikitikity. Le finagnanto niaraky taola rey--- taola amy ty taola. ⁸Nagnety zaho, ingo tamindrozy teny ty hozatsy, sazy nitombo ty nofitsy le nanaro androzy ty holitsy. Fe mbo tsy nisy fofonay tamindrozy rey teo. ⁹Le nivola hozao tamiko Yaveh: "Maninania amy ty fofonay, maminania, ry anakin'olo, le mivolaaamy ty fofonay manao hozao: Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Ry fofonay, miavia baka amy ty tsioky efatsy, sady tiiofo azy ze voavono rey, mba hahazandrozy miay." ¹⁰Le naminany araky ze fa nandidia ahy Zaho; Niavy tamindrozy rey ty fofonay le nivelo ndrozy. Bakeo le nitsanga tamy ty tambony ndrozy, azy miarammila bevata. ¹¹Le nivola hoza tamiko Yaveh: "Ry anakin'olo, longon'Israely iaby taola rey. Ingo! Hozao tiasandrozy: ;Niha maiky ty taolanay, le tsy hita ty fanantenanay. Norava zahay." ¹²Lafa zay le maminania le volano hozao ndrozy: 'Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Ingggo! Hamoha ty lolonareo Zaho sady hampiakatsy anareo hiboaky baka amizay, ry oloko. Handay anareo himpoly amy ty tany Israely Zaho. ¹³Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh, lafa mamoha ty lolonareo noho manday anareo hiboaky amindrozy rey Zaho, ry oloko. ¹⁴Hanenga ty fanahiko aminareo ao Zaho le ho velo nareo, sady hampia vozaky anareo amy ty taninareo Zaho lafa hainareo fa Zaho ro Yaveh. Manambara anizay Zaho sady manatanteraky zay--- zay ty vola i Yaveh. ¹⁵Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozao: ¹⁶"Henanizao iha, ry anakin'olo, mangala tapa-kobay raiky hoahy ty vatanao sady sorato hozao amizay eo: 'Hoahy i Joda noho ty olon'Israely, namany rey.' Le mangala tapa-kobay raiky hafa le sorato hozao amizay eo: 'Hoahy i Josefa, ty tapa-kobay tiahy Efraima, sady hoahy ty olon'Israely iaby, namany rey.' ¹⁷Andeso hiaraky ho tapa-kobay raiky drozy roe rey, mba hanjary raiky an-tananao eo. ¹⁸Lafamiresaky aminao olonao rey sady manao hozao: 'Vasa tsy mivola amiahy ty dika ty raha rey va iha?' ¹⁹le volano hozao ndrozy: Ty Tompo Yaveh mivola hozao: Ingo! Mangalaky tapa-kobay i Josefa ze an-tana i Efraima noho ty fokoa Israely namany Zaho sady nampifandramby anizay amy ty tapa-kobay tahy i Joda, mba ho tapa-kobay raiky avao ndrozy, sady hanjary raiky an-tanako eo ndrozy.' ²⁰Tanjaho an-tananao ty tapa-kobay ze nosoratanao tamasondrozy rey eo. ²¹Volano amindrozy rey hozao: 'Ty Tompo Yaveh ro mivola hozao: Ingo! Handeha hangalaky ty olon'Israely baka amy ty firenena ze nandinandrozy rey Zaho. Hamory androzy b aka amy ty tany mihdidy Zaho sady handay androzy rey amy ty taniny. ²²Hanoviko firenena raiky any amy lay tany ndrozy, amy ty vohitsy Israely, sady mpanjaka toka hoahy ty mpanjaka ndrozy iaby, sady tsy ho firenena roa sasy ndrozy. Tsy ho voazara ho fanjaka roe sasy ndrozy. ²³Sady tsy handoto ty vatandrozy , ty rahany mampangaroharo, ndra raiky amy ty fahotany hafa.Fa hamonjy androzy amy ty nanoviny tsy amy ty finoa ze nanontany Zaho, sady hanasa androzy, le ho oloko ndrozy sady Zaho ho Ndranahariny. ²⁴Davida mpanompoko ho mpanjakandrozy. Ka mpiamby toka hoahindrozy iaby rey, sady handeha araky ty fitsipikako noho hidary ty lalako sady hanoriky anizay ndrozy. ²⁵Hipetraky amy ty tany ze nameako an'i Jakoba mpanompoko ndrozy, ze niegnena ty razanareo. Hipetraky anainizay mandrakizay ndrzozy--- ndrozy, anany rey, sady ty zafikeliny, safe i Davida mpanompoko ro bendrozy mandrakizay. ²⁶Hanenga fanen-keam-pilongoa mmiaraky amindrozy rey Zaho. Ho fanenkea mandrakizay miaraky amindrozy rey zay. Hanenga nadrozy rey Zaho noho hahalako androzy sady hanenga ty toerako masy anivodrozy mandrakizay. ²⁷Ty toera fipetrahako le hiaraky amindrozy; ho Ndranahariny Zaho, le ho oloko ndrozy. ²⁸Le ho hay ty firenena fa Zaho ro Yavhe ze mampitoka an'Israely, lafa amindrozy eo mandrakizay ty fipetrahako masy."

Chapter 38

¹Niavy tamiko ty safa Yaveh manao hozao: ²"RY anakin'olo, miatreha an'i Goga, azy tanin'i Magoga, azy be i mpanjaka i Meseka noho Tobala ty vatanao; sady maminania manohitsy azy. ³Volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo! Manohitsy anao Zaho, ry Goga, be ty mpanjaka i Meseka noho Tobala. ⁴Le hanoviko miadakodaky iha sady hsiako barango ty valanoranonao; hampandinako miaraky aminao iaby ty miaramilanao rey, azy sovalinao rey, mpitikitsy sovaly rey, ndrozy iaby manao fiaraova iaby, antoko bevata miaraky amy ty fiaro bevata noho fiaro kely, ndrozy iaby mitanjaky mesobe iaby! ⁵Persia, Kosa, lei Lybia le miaraky aminrozy, ndrozy iaby miaraky amy ty fiarondrozy noho ty fiarovan-dohandrozy! ⁶Gomera noho ty miaralany iaby, sady i Beta- togarma, baka amy ty faritsy lavisy noho ty andrefa, sady ty miaramilany iaby! Lako ty olo miaraky aminao! ⁷Miomana! Eka, hamono ty vatanao noho ty miaramilanao miaraky aminao, le engaho iha ro mpifehy androzy. ⁸Afara ty andro lako i ho voakaiky iha, le afaky ty tao klikely iha le handeha amy ty tany ze janga tany ty mesobe noho navory baka amy ty olo lako rey tany, navory himpoly amy ty vohitsy tiahin'Israely ze faharave bakamizay. Fa ty tany ty olo le ho afahy baka amy ty olo rey, sady hipetraky tsy misy fisalasala ndrozy, ndrozy iaby! ⁹Le handeha hiakatsy anahaky ty fandina ty tsioky iha; hanahaky ty raho manaro ty tany iha, iha noho ty miaramilanao iaby, azy miaramila lako miaraky amainao. ¹⁰Zao ty vola i Tompo Yaveh: Le amy andro zay le hisy eritseritsy hiforo anainao ao, sady hisay hevitsy raty iha.' ¹¹Le hivola hozao iha: 'Hiakatsy ho amy ty tany malalaky any zaho; ho amy ty olo mintsy mipetraky amy ty tsy fisalasala anyu zaho, ndrozy iaby le mipetraky amy ze tsy misy manda ndra hily, sady amy ze tsy misy vavahady ty tana. ¹²Hisambotsy ty azo sambotsy zaho sady hanngalatsy gadra, mba hanandesako ty tanako amy ty rava rey ze fa azo hipetraha ndraiky, sady amy ty olo navory baka amy y firenena rey eo, ty olo ze mahazo ty biby fihary noho ty fanana, sady azy ze mipatraky anivo ty tany ao. ¹³Sheba noho Dedana, sady ty mpamarotsy Tarsisy miaraky amy ty mpialiny tanora iaby le hivola hozao aminao: 'Avy mba hisambotsy va iha? Namory ty miaramilanao rey mba hamotaky ty simba, mba hangalaky ty volafoty noho ty volamena, mba hangalaky ty biby fiharindrozy noho ty hanangna sady mba hahazo gadra lako va iha?' ¹⁴Lafa zay le maminania, ry anakin'olo, sady mivola amy Goga hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Amy andro zay, lafa mipetraky amy ty tsy fisalasala ty Israely oloko, le tsy hahay ty mikasiky androzy rey va iha? ¹⁵Ho avy baka amy ty fipetrahanao b aka lavitsy avaratsy any miaraky amy ty miaramila kalo iha, ndrozy iaby mitiktitsy sovaly, antoko bevata, miaramia lako. ¹⁶Hanafiky an'Israely oloko manahaky ty raho ze manaro ty tany iha. Amy ty faranandro le handay anao hanohitsy ty taniko Zaho, le mety hahay ahy ty firenena rey lafa nahare ty safako amy ty alalanao Zaho, ry Goga, mba ho masy imasondrozy eo. ¹⁷Zao ty vola i Tompo Yaveh: Tsy iha va azy raiky ze nivolanako tany taloha ty andro tany ty alala ty tana ty mpanompoko rey, azy mpaminany ty Israely rey, ze naminany tamuy ty fotiandrozy manoka naharitsy tao fa handay anao hanohitsy androzy rey Zaho? ¹⁸Le ho avy ty andro ze hanafiha i Goga ty tanin'Israely--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- hiakatsy amy ty heloko ty siakiko. ¹⁹Amy ty fahazotoam-poko amy ty afo ty heloko, ro anambarako fa amy zay andro zay le hisy horohoron-tany bevata amy ty tana Israely. ²⁰Hihozongozo anatrehako eo ndrozy--- le ty fian-driaky noho ty voro ty lanitsy, biby ly ty baibo rey, sady ty kila raha managnay iaby ze milaly amy ty tany, noho ty kila olo iaby ze anabo ty tany. Hiravoky ty vohitsy rey sady hivorotsaky azy hantsa rey, zisiky ty hiravoha ty manda iaby rey amy ty tany eo. ²¹Hikaiky mesobe hanohitsy anao ay ty vohitsiko iaby Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- ty mesobe ty olo kiraikiraiky le hanihitsy ty rahalahiny. ²²Bakeo le hitsara azy amy ty arety mandoza noho ty lio Zaho; sady ora ha mandifitsy ty havandra sady solifara mirehitsy ro halatsako anabony eo noho ty miaramilany sady ty firenena lako ze miaraky aminy. ²³Fa hanpitoro ty hahabevatako noho ty famasinako Zaho sady hampahay ty vatako imaso ty firenena lako rey, le hahay ndrozy fa Zaho ro Yaveh."

Chapter 39

¹Henanizay iha, ry anakin'olo, maminania hanisy an'i Goga le volano hozao: 'Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ingo! manohitsy anao Zaho, ry Goga, be ty Meseka noho Tobala. ²Hampitoliky anao ZahoLe hitariky anao; handesiko miakatsy baka avaratsy lavitsy any iha sady anndesiko amy ty vohitsin'Israely. ³Le hanoviko miala abaka amy ty tanan-kavianao ty lefonao sady hanoviko milatsaky baka amy ty tananao havana ty kititsinao. ⁴Hiravoky ho maty amy ty vohitsy Israely iha--- iha noho ty antohonao sady ty miaramila ze miaraky aminao. Hameako ty voro mpihaza noho ty biby ly ty baibo mba ho haniny iha. ⁵Hiravoky ho maty amy ty baibo iha, fa Zaho mihintsy ro mivola anizay--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ⁶Le handefa afo amy Magoga noho ze mipetraky tsy amy ty fisalasala amy ty sisy ty riaky eny Zaho, sady ho haindrozy fa Zaho ro Yaveh. ⁷Fa hanoviko ho hainao anivo ty Israely oloko eo ty anarako masy, sady tsy hanenga ty narako masy ho tsy ampisia dikany sasy Zaho; le ho hay ty firenena fa Zaho ro Yaveh, azy Ray Masy a Israely any. ⁸Ingo! Ho avy ty andro, sady hiseho zay--- zy ty vola i Tompo Yaveh. ⁹Azy ze mipetraky amy ty tana Israely le hiboaky sady hampiasa fiadana mba hirehitsy le hahavy afo handoro androzy--- le fiarova kely, fiarova bevata, lefo fory, kititsy, langilangy noho ty lefo; hampirehitsy afo amindrozy rey maharitsy fito tao rey. ¹⁰Tsy hamory kata baka ambaibo ndrozy ndra hanapaky hazo baka ammy ty ala, safe horoandrozy ty fitaovam-pialia; hangalaky baka amy ze mila hamgalaky tamindrozy; hanambotsy azy ze mila hanambotsy androzy rey--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹¹Sady amy zay andro zay le hanamboatsy toera hoahin'i Goga Zaho--- lolo amy Israely any, baibo hoany ty manodidy le ho antinana ty riaky. Hananka any azy maniry ty hiampita zay. Any ty handevenandrozy an'i Goga miaraky amy ty olony iaby. Ho kaihindrozy rey hoe Baibo i Hamona Gga zay. ¹²Maharitsy fito vola le handevy androzy ty longon'Israely mba handio ty tany. ¹³Safe nandevy androzy iaby ty olo ty tany; le ho andro ty fahatiarova ho tiazy lafa hamea voninahitsy Zaho--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁴Le hitingy olo hiampita ty tany avao ndrozy, mba hahita azy ze nandeha niampita, fe nimaty le niegny tanabo ty tany ty fatiny, mba hahazandrozy mandevy androzy, mba hanadiova ty tany. Amy ty fara ty vola faha fito ro hanombohandrozy ty filany. ¹⁵Laha mandrio ty tany azy lahilahy rey, lafa mahtaky taolan'olo ndrozy, le hanisy famantara anilanizay eo, zisiky hiavia ty mpihaly lolo le handevy anizay amy ty baibo i Hamona Goga. ¹⁶Hisy tana araky ty anara i Hamona any. Amy fomba zay ty handiovandrozy ty tany. ¹⁷Le ho ahinao, ry anakin'olo zao ty vola i Tompo Yaveh: Volano amy ty voro mana elatsy iaby noho ty biby ly am-baibo any hoe: 'Miaraky mivory le miavia. Mivoria baka amy ty manodidy iaby ho amy ty soro zay zaho mihintsy ro manao azy ho ahinao, le soro bevata amy ty vohtsy Israely, mba hahafahanao mihina nofotsy noho minon-dio. ¹⁸Ho haninao ty nofotsy ty mpialy rey sady hinominao ty lio ty olo be ty tany; ho aondry, anak'aondry, aosy lahy, sady aomby lahy ndrozy, novondrahy ta basana ndrozy. ¹⁹Le nihina vondraky iha zisiky naha vintsy anao; ninon-dio iha zisiky mahamamo; zay ty soro ho lentako ho ahinareo. ²⁰Ho vintsy an-databoko amy ty sovaly, kalesy, mpialy, sady ty lahilahy'aly iaby nareo--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ²¹Hengako amy firenena rey ty voninahitsiko, sady ho hita ty firenena ty fitsarako ze tanterahako sady ty tanako ze nengako hanisy androzy rey. ²²Ho hay ty longo ty Israely fa Zaho ro Yaveh Ndranaharindrozy manomboky amy zay andro zay mbany. ²³Ho hay ty firenena fa ty longon'Israely le nanjary azo sambotsy noho ty fahadisoandrozy ze namalihany Ahy, le namony ty vatako tamindrozy rey Zaho sady nanesy androzy ho an-tana ty fahavalony zay ty nahavy androzy maty ty mesobe ndrozy iaby. ²⁴Nanoviko tamindrozy araky ty fahalotoany noho ty fahotany avao, lafa namony ty vatako tamindrozy Zaho. ²⁵Lafa zay le zao tiasa i Tompo Yaveh: Henany zay le hampipoly ty hanagna i Jakoba Zaho, sady hiferinay ty longo Israely iaby, lafa miasa amy ty fahazotoam-po noho ty anarako masy Zaho. ²⁶Le handay ty herindrozy noho ty famaliha iaby ze namalihany Ahy ndrozy. Ho halinondrozy kila raha iaby zay lafa mioetraky amy ty fisalasala amy ty taniny ndrozy, tsy misy ndra ia ndra ia hanorohoro androzy. ²⁷Lafa manampoly azy amy ty olo Zaho sady mamory androzy baka amy ty tany ty fahavalondrozy, le mampitoto ty vatako ho masy eo imaso ty firenena lako Zaho. ²⁸Le ho haindrozy fa zaho ro Yaveh Ndranaharindrozy, sae nandefa androzy ho azo sambotsy teo amy ty firenena rey teo Zaho, fe bakeo Zaho namory androzy himpoly amy ty taniny. Tsy henenga ndra raiky amindrozy rey amy firenena rey eo zaho. ²⁹Tsy hamony ty vatako amindrozy sasy zaho lafa mandatsaky ty Fanahiko amy ty longo ty Israely eo--- zay ty vola Tompo Yaveh."

Chapter 40

¹Tamy ty tao faha roapolo dily amby ty fahagadranay tamy ty fanomboha ty tao tamy ty andro faha folo ty vola, tamy ty faha efatsy amby ty folo ty tao tafara ty nahazoa sambotsy ty tana--- tamy zay andro zay avao, le tamiko teo ty tana Yaveh le nangalaky ahy tany Ie. ²Tanay ty fahita baka amy Ndranahary ro nanandesany ahy nandeha amy ty tana Israely. Nanday ahy ho amy ty fiala vozaky tany amy ty vohitsy vatanny anabo Ie; tan-timo any ro niboaha ty trano bevata ty tana. ³Le nandesy tany zao. Ingo, lahilahy raiky! Ty tarehiny le manahaky ty saba. Taly rongony foty noho volotara fametara ro tan-tanany teny, sady nitsanga tamy ty vavahady ty tana ie. ⁴Nivola hozao tamiko lahilahy iny: " Ry anakin'olo, manentea amy ty masonao sady mijanjina amy ty sofinao, ke afantoho amy ze kila raha aborako aminao ty sainao, safe nandesy tatoy iha mba hahazako manaboraky rey aminao. Tantero amy ty longo ty Israely ty kila raha iaby ze ho hitanao. ⁵Nisy rindry mihodidy ty faritsy ty fiangona. Ty halava azy volotara fametara tan-tana ty lahilahy iny le hakiho eny, ty halava ty hakiho kiraikiraiky le hakiho raiky noho ty lelan-tana raiky. Nametatsy ty rindry ie; zay le volotara raiky fametara sady volotara raiky ty hahabony. ⁶Bakeo le nandeha tamy ty vavahady ty fiangona ze nitoliky mban-tinana ie. Niakatsy tamy ty esikalien'izay ie le nametatsy ty tokona ty vavahady--- volotara raiky ty halalikiny. ⁷Azy efitrano fiambena le vootara raiky ty halavany le volotara raiky ty sakany; nisy hakiho limy teo ty elanela ty efitsy ty trano roe rey, sady ty tokonam-bavahady ty fiangona le volotara raiky ty hahalikiny. ⁸Nometary ty veranda azy vavahady zay; zay le volotara raiky ty halavany. ⁹Nametatsy ty vavahady ie. Volotara raiky ty halalikiny. Azy tola rey le hakiho roe ty sakany. Azy veranda ty vavahady tandrify ty fiangona zay. ¹⁰Nisy efitsy trano fiambena telo tamy ty ilany roe ty vavahady antinana, sady mifanahaky ty matatsy rey, sady ty rindry ze nampisaraky anirey le nana refy mifanahaky. ¹¹Bakeo le nametatsy ty saka ty filira amy ty vavahady azy lahilahy iny--- hakiho folo; sady nanametatsy ty halava ty filira amy ty vavahady--- folo telo amby hakiho. ¹²Nanametatsy ty rindry ze nanarikitsy ty taloha ty efitsy trano ie--- hakiho raiky ty hahabony. Azy efitsy trano rey le mirefy enny hakiho saky ty ilany. ¹³Le nanametatsy ty filira amy ty vavahady tamy ty tafo teo le zisiky amy ty efitsy ty trano manaraky ie--- roapolo limy amby hakiho, tamy ty filira ty efitsy trano velohany zisiky amy ty faharoe. ¹⁴Lafa bakeo le nimenntary ty rindry ze tananelanela ty efitsy ty trano fiambena--- enimpolo hakiho ty halavany; nimentary baka amy ty veranda ty vavahady. ¹⁵Ty filira baka aloha ty ty vavahady le zisiky amy ty fara ty veranda ty vavahady raiky hafa le limampolo hakiho. ¹⁶Nisy lafenety nihily mbamy efitsy ty trano rey noho mbamy ty endriky rey tamy ty mihodidy amy ty vavahady iaby; Le manahaky zay avao koa hoahy ty veranda. Nisy lafenety mihodidy tanainy tao, sady ty tsanga raiky le nasia hazo rofia. ¹⁷Le nandesy ty lahilahy iny tambalaky ty fiangona zaho. Ingo, nisy efitsy trano, le nisy raruvato tamy ty kianja teo, niaraky tamy ty efitsy trano telopolo tanila ty rarivato rey teo. ¹⁸Niakatsy tamy ty ila ty vavahady azy rarivato, sady ty sakan'izay le mifanahaky amy ty ila ty vavahady. Zay ty rarivato ambany. ¹⁹Bakeo le nanametatsy ty elanela taloha ty vavahady ambany teo le zisisky aloha ty vavahady anainy azy lalahy iny; zato hakiho ty tan-tinana, le manahaky zay koa ty ta-varatsy tany. ²⁰Le nanametatsy ty halavany noho ty sakany ty vavahady ze tavaratsy ty kianja ambalaky ie. ²¹Nisy efitsy telo tamy ty ilany roe tamizay vavahady zay, sady azy vavahady noho ty verandany le mifanahaky refy tamy ty vavahady bevata--- limampolo hakiho ty fitambarany ty halavany sady roapolo limy amby hakiho ty sakany. ²²Azy lefenetiny rey, varandany rey, efitsy trano, sady ty hazo rofia le nifanaraky tamy ty vavahady antinana. Fito dinga ro miakatsy mbamy veranda zay any. ²³Misy vavahady tanay ty kiannja tao mitoliky mbavaratsy, manahaky zay koa le nisy vavahady tan-tinana; nametatsy tamy ty vavahady raiky le zisisky amy ty vavahady raiky hafa azy lahilahy iny--- hakiho zato ty elanelany. ²⁴Bakeoniny le nandesy ty lahilahy iny mbamy vavahady filira antimo zaho, le mirefy manahaky ty vavahady ambalikiny hafa azy rindry noho verandany rey. ²⁵Nisy lafenety nihily tamy ty filirany tamy ty vavahady sady ty veranda le manahaky tamy ty vavahady zay. Ty vavahady antimo noho ty verandany le mirefy hakiho dimampolo hakiho ty halavany le roapaolo limy amby hakiho ty sakany. ²⁶Nisy dinga fito noho miakatsy mbamy vavahady noho ty verandany, sady sary sokitsy rofia tamy ty ilany roe tamy ty rindry. ²⁷Nisy vavahady tanay ty kianja tamy ilany antimo, le nanametatsy tamy vavahady zay le zisisky amy ty vavahady filira antimo azy lahilahy iny--- zato hakiho ty elanelany. ²⁸Bakeo le nandesy ty lahilahy iny nilitsy tamy ty kianja anainy narikitsy ty lala ty vavahady antimo zaho, ze mana reffy manahaky ty vavahady hafa. ²⁹Azy efitsy nony, rindriny, noho ty verandany mirefy mifanahaky amy ty vavahady hafa rey; nisy lafenety mihodidy ty veranda. Ty vavahady anainy noho ty veranda le mirefy hakiho dimampolo hakiho ty halavany sady roapaolo limy amby ty sakany. ³⁰Nisy veranda avao koa mihodidy ty rindry anainy; Rey le roapolo limy amby hakiho ty halavany le limy hakiho ty sakany. ³¹Azy veranda zay le miatriky ty kianja ambalikiny niaraky tamy ty sary vonga hazo rofia tamy ty rindriny teo le valo dinga ro mmiakatsy amizay any. ³²Le nandesy ty lahilahy iny mbamy kianja anainy marikitsy ty lala antinana zaho le nametatsy ty vavahady, ze nana refy mifanahaky tamy ty vavahady hafa. ³³Azy efitsy tranony rey, rindriny, noho ty

verandany le mifanahaky refy tamy ty vavahady hafa rey, le misy lefenety mihodidy. Ty vavahady anainy noho ty verandany le mirefy dimampolo hakiho ty halavany le roapolo limy amby ty sakany. ³⁴Ty verandany le miatriky ty kianja ambalikin'ny; nisy hazo rofia tamy ty ilany roe tamizay sady dingana valo no flankara mbay zay any.

³⁵Bakeoniny le nandesy ty lahilahy iny mbamy vavahady avaratsy any zaho le nimetariny zay; nierfy manahaky ty vavahady hafa zay. ³⁶Azy efitsy tranony rey, rindrin'ny, noho ty verandany le mirefy mifanahaky tamy ty vavahady hafa rey, sady nisy lafenety kely mihodidy. filira amy ty vavahady le mirefy dimampolo hakiho ty halavany le roapolo limy amby ty sakany. ³⁷Ty verandany le miatriky ty kianja ambalikin'ny; nisy hazo rofia tamy ilany roe le valo dinga ro miakatsy mbamy zay any. ³⁸Tanila ty vavahady filira anainy kiraikiraiky le misy efitsy trano misy varavara. Teo ty fanasandrozy ty fanday oroa. ³⁹Nisy latabo roe saky ty ilany. ze namonoa ty fanday oroa, sady ty fanday noho ty fahadisoa noho ty fanday fanorena. ⁴⁰Tanila ty rindry ty kianja miakatsy mbamy ty vavahadytavaratsy tany, le misy latabo roe. Tamy ty ilany raiky hafa koa le nisy latabo roetamy ty verandany ty vavahady. ⁴¹Nisy latabo efatsy tamy ty ilany roe anila ty vavahady; nandetandrozy ty biby tanabo ty latabo valo. ⁴²Nisy latabo vato tapaky efatsy hoahy ty fanday oroa, hakiho raiky noho ty tampany ty halavany, hakiho raiky noho ty tampany ty sakany, sady hakiho raiky ty hahavony. Tamirey ty nanenngandrozy ty fitaova nandetandrozy ty fanday oroa hoahy ty soro. ⁴³Fihantonan-draha roe raiky vodivoam-pelantana ty halavany ro na matora ty mihodidy ty veranda, le ty nofity ty fanday le nenga tanabo latabo teo. ⁴⁴Tanila ty vavahady anainy, tanay ty kianja ro nisy ty efitsy trano ty mpihira. Ty raiky tamy ty efitsy trano rey le tavaratsy tany, le ty raiky tantimo. ⁴⁵Le hozao tiasa ty lahilahy iny tamiko: "Ty efitsy trano miatriky antimo toy le hoahy ty mpisoro ze miandraikitsy ampiangona ao. ⁴⁶Le azy efitsy trano mitoliky mbavaratsy any iny le hoahy ty mpisoro niandraikitsy tamy alitara tao. Rey le enakilahy i Zadoka ze mananto an'Yaveh akaiky mba hanompo Azy; ndrozy rey le anay ty anakilahin'i Levy." ⁴⁷Bakeo ie nanameatsy ty kianja---hakiho zato ty halavany le zato hakiho ty sakany amy ty jozo efatsy, niaraky tamy ty alitara taloha ty trano teo. ⁴⁸Bakeo nandesy ty lahilahy iny amy ty veranda ty trano zaho le nimetariny ty tolam-baravavara anizay--- limy hakiho saky ty ilany ty hatevandrozy. Ty filira le folo efatsy amby hakiho ty sakany, le ty rindry saky ilany le telo hakiho ty sakany. ⁴⁹Ty halava ty verandany le roapolo hakiho le ty halaliny le folo raiky amby hakiho. Nisy esikalie nanganiha amizay any sady nisy tsatoky roe nitsanga tamy ty ilany roe.

Chapter 41

¹Bakeo azy lahilahy nanday ahy hoamy ty toera masyazy fiangona sady nnametatsy ty tolam-baravara rey--- hakiho eny ty sakany amy ty zorony efatsy. ²Ty sakany ty tolam-baravara le folo hakiho; limy hakiho ty halavany ty rindry amy ty ilany kiraikiraiky. Bakeo ty lahilahy iny nanametatsy ty fitoera masy--- efapolo hakiho ty halavany le roapolo hakiho ty sakany. ³Bakeo azy lahilahy iny nandeha tamy azy toera masy mare iny tany le nanametatsy ty tolam-baravara--- hakiho roe, le hakiho eny ty sakany ty varavara. Fito hakiho ty sakany ty rindry amy ty lafiny iaby. ⁴Bakeo nanametatsy ty halava ty efitsy iny ie--- roapolo hakiho aloha ty efitsy trano bevata ty fiangona. le hozao tiasany amiko: " Toy ty toera masy mare." ⁵Bakeo azy lahilahy iny nanametatsy ty rindry ty trano---hakiho eny ty hateviny. Ty sakany ty efitsy kiraikiraiky mihodidy ty trano le efatsy hakiho. ⁶Nisy posi-trano nifanongoa telo, efitsy raiky anabo ty raiky hafa, efitsy telopolo saky ty etazy. Nisy rindry anabo mihodidy ty rindry ty trano, mba hampitoha ty ilany ty efitsy iaby, safe tsy nisy toha nenga tamy tyy rindry ty trano iny. ⁷Le niha-malalaky azy ilany ty efitsy rey sady nandeha niodakodaky niakatsy, safe niodakodaky niha-abo mihodidy iaby azy trano iny; niha-nalalaky azy efitsy ty trano arakaraky ty niakany, sady nisy esikallie niakatsy mbamy amy etazy anabo mare, amy ty alala ty etazy anivony. ⁸Bakeo nahita tokontany nasondrotsy mihodidy ty trano iaby zaho, azy fototsy hoahy ty posi-trano; nirefy volotara raiky ty halavanizay--- hakiho eny. ⁹Ty saka ty rindry ty posi-trano ivelany any le limy hakiho. Nisy toera malalaky tambaliky ty efitsy amy ty fitoera masy rey. ¹⁰my ty zorony ilany amy fipetraha malalaky io le nisy paositrano ambalaiky ahy ty mpisoro; roapolo hakiho ty sakan'io fipetraha mihodidy ty fioetraha masy iaby. ¹¹Nisy varavara tamy ty paositrano mbamy ty fitoera malalaky hafa--- varavara raiky tamy ty zorony avaratsy, le ty raiky hafa tamy ilany antimo. Limy hakiho ty saka ty mihodidy iaby ty fitoera malalaky io. ¹²Le ty trano bevata ze nanarikitsy ty kianja tamy ty zorony andrefa le fitopolo hakiho ty sakany. Limy hakiho ty refy ty hatevy ty rindry mihodidy iaby, sady svampolo hakiho ty halavany. ¹³Bakeo azy lahilahy iny nanametatsy azy fipetraha masy iny--- zato hakiho ty halavany. Le azy trano iny le voatoka, ty rindry, noho ty kianja mirefy zato hakiho avao koa ty halavany. Zato hakiho avao koa ty halavany. ¹⁴Zato hakiho avao koa ty sakany aloha ty kianja aloha ty fitorea masy eo. ¹⁵Bakeo azy lahilahy iny nanametatsy ty halava ty trano tafara ty fipetraha masy, tandrefany teo, sady ty lalatsara ivelany amy ty zorony roe--- zato hakiho. Azy fipetraha masy noho ty veranda, ¹⁶azy rindry anainy noho ty lefenety, anain'iazay ty lafenety makarakara, sady lako ty lalantsara ivelany mihodidy ty etazy teo, le samby namboary tamy ty hazo avao iaby. ¹⁷Anabo ty lalantsara mbamy fipetraha masy anainy noho ty elenela ty rindry le ty hazo rofia natao sary vonga. ¹⁸Nasia kerobima noho hazo rofia zay; miarakay amy hazo rofia anelanela kerobima kiraikiraiky, le ty kerobima kiraikiraiky le nanao tarehy roe: ¹⁹tarehin-dehilahy raiky miatriky ty hazo rofia ty amy ty ilany, le tarehy lion tanora manenty miatriky amy hazo rofia ty amy ilany eo. Namboary sary mihodidy ty trano iaby rey. ²⁰Bakeo amy ty tany anabo ty vavahady, le nisy kerobima noho hazo rofia namboary sary tamy ty rindry ivelany trano. ²¹Efatsy zoro ty tola ty fipetraha masy. Ty tarehy rey le manahaky ²²ty alitara vita baka amy ty hazo aloha ty fitoera masy, ze telo hakiho ty hahabony le hakiho roe ty halavany amy ty zorony kiraikiraiky. ty zorony, ty fotony, le ty rafitsiny le vita baka amy ty hazo. Bakeo azy lahilahy iny nivola hozao tamiko: "Toy ty latabo ze mitsanga anatreaha Yaveh eo. ²³"Nisy varavara roe hoahy ty fitoera masy noho azy fitoera may mare. ²⁴Azy varavara rey le samby kopa-droe, lela varavara roe amy ty varavara raiky sady lela varavara roe amy ty raiky hafa. ²⁵Namboasy sary vonga tamindrozy teo--- tamy ty varavara azy fipetraha masy iny--- ty kerobima noho ty hazo rofia manahaky ty nampihamina rindry rey, le nisy tafo hazo tamy ty veranda alohany teo. ²⁶Nisy lafenety makarakara noho hazo rofia tamy ty ila ty veranda iaby. rey ty paosy ty trano , sady nana tafo mandilatsy avao koa rey.

Chapter 42

¹Tarafan'izay le nandesy ty lahilahy iny niboaky tamy ty kianja ambaliky tamy ty ilany avaratsy zaho, le nandesiny tamy ty efitsy ty trano tandrify ty kianja ivelany noho ty rindry avaratsy ivelany. ²Azy efitsy trano rey le zato hakiho ty sakany. ³Ty ilany amy efitsy rey le miatriky ty kianja anainy sady roapolo hakiho ambaliky ty fitoera masy. etazy telo ro tao, le ty anabony le magnety ty ambany amy ty ambany sady nivoha tamindrozy, mana lalantsara. Ty efitsy trano ilany le nijilo amy ivela ty kianja. ⁴Lala folo hakiho ro tamy ty sakany sady zato hakiho tamy ty sakany ro mandeha aloha ty efitsy trano. miatriky ty avaratsy ty varavara ty efitrano rey. ⁵Fa azy efitsy trano anabo rey le kelikely, ty lalantsara le mangalaky toera malalaky mandilatsy ty ambany noho ty anivony ty etazy ty trano bevata. ⁶Fa ty efitsy trano amy ty etazy faha teo le tsy nana toha, tsy manahaky ty kianja rey, zay le tokony hana toha. Le ty etazy ty efitrano anabo mare le kely ty habeny laha ampitaha amy ty efitsy trano ambany mare any noho ty etazy anivony. ⁷Ty rindry ambaliky le manoriky ty efitsy miatriky ty kianja ivelany, azy kianja ze miatriky azy efitsy trano rey. Azy rindry zay le dimampolo hakiho ty halavany. ⁸Ty halava ty efitsy trano ty kianja ivelany le dilampolo hakiho, sady ty efitsy trano miatriky ty fitoera masy le zato hakiho ty halavany. ⁹Nisy fidira tamy ty efitsy trano ambany mare mbamy ilany antinana, militsy baka amy ty kianja ambalikiny. ¹⁰Heniky ty rindry ty kianja ambalikiny amy ty ilany antinana ty kianja ambalikiny, aloha ty kianja anay ty fitoera masy, le nisy efitsy trano avao koa ¹¹niaraky tamy ty lala alohany eo. Ndrozy rey le endriky ty efitsy trano amy ty ilany avaratsy. Nifanahaky ty halavandrozy noho ty sakany noho ty fiboahana noho ty fifanaraha sady ty varavara. ¹²Tamy ty ilany antimo ro isy y varavara amy ty efitsy trano ze mifanahaky amy ty ilany avaratsy. ty lala anainy ao le nisy varavara tamy ty lohany teo, le ty lala le nivoha hoahy ty efitsy trano saky karazany. Tamy ty ilany antinana le nisy vavahady mbamy raiky farany. ¹³Le hozao tiasa lahilahy iny tamiko: "Ty efitsy trano avaratsy noho ty efitsy trano antimo ze aloha ty kianja ambalikiny le efitsy trano masy ze isakafoana ty mpisoro ze miasa anila Yaveh ty sakafo masy mare. Ao ty anengandrozy ty raha ze masy mare--- ty fanday sakafo, ty fanday noho ty fahadisoa, sady ty fanday noho ty ota--- safe toera masy io. ¹⁴Laha militsy ao ty mpisoro, tokony tsy hiala amy ty toera masy ao ho amy kianja ambaliky any ndrozy, laha tsy manenga ty sikiny marikitsy ze nanompoaandrozy, safe masy rey. Le engaho nfdrozy hisafotsy salotsy hafa aloha ty fanantona olo." ¹⁵Vita azy lahilahy iny ty famentara ty tanay ty trano tao le nandesiny niboaky tamy ty vavahady ze miatriky ty antinana zaho le nimetariny ty manodidy iaby teny. ¹⁶Nametatsy ty ilany antinana tamy ty volotara famentara ie--- diman-jato hakiho tamy ty volotara famentara. ¹⁷Nomentariny ty lafiny avaratsy---diman-jato hakiho tamy ty volotara fandrefesa. ¹⁸Norefesiny avao koa ty antimo--- diman-jato hakiho tamy ty volotara fametara. ¹⁹Navalikiny nimentariny avao koa ilany andrefa--- diman-jato hakiho tamy ty volotara famentara. ²⁰Nomentariny tamy ty zorony efatsy zay. nana rindry mihodidy azy zay le diman-jato hakiho ty halavany zay, le dilman-jato hakiho ty sakany, mba hampisaraha ty masy amy iharoa.

Chapter 43

¹Bakeo azy lahilahy iny nanday ahy tamy ty vavahady ze nivoha mban-tinana teo. ²Ingo! baka antinana ty voninahitsy Njanaharin'Israely; manahaky ty feo ty rano lako ty feonny, sady nipiriaky ty voninahitsy ty tany. ³zay le araky ty fisehoa ty fahita ze nihitako, araky ty fahaita ze nihitako lafa niavy handrava ty tana Ie, sady fahita rey le manahaky ty fahita tamy ty kanalindrano ahin'i Kebara— le nandohaliky tamy ty vatako zaho. ⁴Le niavy tan-trano tamy lala mbamy ty vavahady ze nivoha niantinana ty voniahitsy Yaveh. ⁵Le nampijanga ahy ty fanahy le nanday ahy tanay ty kianja. Ingo! Nanatsiky ty trano ty voninahitsy Yaveh. ⁶Nitsanga tanilako eo ty lahilahy, sady nahare olo hafa niresaky tamiko baka an-trano ao zaho. ⁷Hozao tiasany amuiko: "RY anakin'olo, toy ty fipetraha ty seza fiadanako noho ty fipetraha ty lela-tomboko, ze hipetrahako anivo ty olo ty Israely mandrakizay. Tsy hampisy dikany ty anarako masy sasy ty longon'Israely— ndrozy rey ty mpanjaka ndrozy— amy ty tsy finoa ndra amy ty faty ty mpanjakany tamy ty toera anivony." ⁸Tsy hampisy dikany ty anarako masy amy ty fenenga ty tokanam-baravara ndrozy anila ty tokonam-baravarako sasy ndrozy, sady ty tsangam-bavahadindrozy rey anila ty tsangam-bavahadiko, ndra amino ndra aminino ankoatsy ty manda raiky anelanelako eo noho rozy. Tsy nampisy dikany ty anarako masy tamy ty asa mampangaroharon-drozy, le handrava azy amy ty heloko Zaho. ⁹Henany zay engaho ndrozy hangalaky ty tsy finoandrozy noho ty faty ty mpanjakany alohako eo, le hipetraky anivondrozy mandrakizay Zaho. ¹⁰Ry anakin'olo, iha mihintsy ro tokony hivola mikasiky trano zay amy ty longo ty Israely mba ho menatsy noho ty fahadisoany ndroz. Tokony hieritseritsy mikasiky ty famarita zay ndrozy. ¹¹Fa laha menatsy noho amy ty raha iaby nanoviny rey ndrozy, le volano amindrozy ty sari-trano, noho ty pitsi[pitsiny, ty fiboaha, ty filira, noho ty sariny iaby, sady ty lily noho ty lalany iaby. Le sorato imasondrozy eo zay mba hitandremany ty sarinizay noho ty lalinizay iaby, le hanoriky anirey. ¹²Zao ty fitsipiky hoahy ty trano: Baka amy ty farany anabo mihodidy ty faritsy iaby mihodidy anizay, le masy mare. Ingo! Zay ty fitsipiky hoahy ty trano. ¹³Retia ty ho metratsy ty alitara amy ty hakiho—zay hakiho zay le ho hakiho mahazatsy sady vody ty lelen-tana amy ty halavany. Le ty tio mihodidy ty alitara le hakiho laliky, le ty sakany le hakiho raiky koa. Ty faritsy mihodidy ty sisiny mihodidy le ho zeha raiky. Zay ty fototsy ty alitara. ¹⁴Baka amy ty tio miakatsy amy ty rindry abo amy ty alitara le hakiho roe, le ty rindry le hakiho raiky ty sakany. Baka amy ty rindry kely miakatsy amy ty habe ty sisiny ty alitara, le hakiho efatsy zay, le ty habe ty sisiny le hakiho raiky ty sakany. ¹⁵Ty fata amy alitara eo hoahy ty fanday oroa le hakiho efatsy ty halavany, le misy tsika efatsy mitondro miakatsy amy ty fanta eo. ¹⁶Ty fanta le folo roa maby hakiho ty halavany le folo roa maby hakiho ty sakany, efatsy jozo. ¹⁷Ty faritsy zay le folo efatsy amby hakiho ty halavany le folo efatsy amby hakiho ty sakanay amy ty ilany efatsy kiraikiraiky iaby, le ty sisiny le antsasaky ty hakiho. Ty lavaky le hakiho raiky ty sakany iaby mihodidy sady ty anaky esikalie le mitoliky antinana any. ¹⁸Bakeoniny le hozao tiasany amiko: "Ry anakin'olo, zao ty vola i Tompo Yaveh: Retia ty fitsipiky hoahy ty alitara amy ty andro ananovandrozy anizay, hoahy ty fanondrota ty fanday oroa anainy zay ao, sady hoahy ty famafazan-dio amizay eo. ¹⁹Hanesy aomby lahy baka amy ty biby hary ho fanday hoahy ty fahota hoahy ty mpiroso i Levita rey azy ratiha i Zadoka rey iha, le azy ze nanoriky Ahy mba hanompo Ahy— zay ty vola i Tompo Yaveh. ²⁰Bakeo iha hangalaky ty ilany amy ty lion'izay sady hanenga anizay amy ty alitara ty tsifa efatsy noho ty zoro efatsy noho ty ilany sady amy ty sisiny mihodidy; hanasa anizay iha le hanao fanavota hoahinizay. ²¹Le mangalaky aomby lahy ho fanday noho ty fahota le oro amy ty faritsy voatingy amy ty faritsy ivela ty toera fiangona masy izay. ²²Le amy ty andro faharoa iha le hanesy aomby lahy tsy misy handra baka amy ty aomby ho fanday noho ty fahota; hanasa ty alitara manahaky ty nanasany anizay tamy ty aomby lahy azy mpisoro rey. ²³Lafa vitanao ty fanasa, le manese aomby lahy tsy misy handra b aka amy ty biby fihary sady aondry lahy tsy misy handra baka amy ty aondry noho ty aomby. ²⁴Aseseo anatreha Yaveh rey; le handraraky sira amy rey ty mpisoro le hanondrooty rey ho fanday horoa hoahy Yaveh. ²⁵Manomana aomby lahy iha hoahy ty fanday noho ty fahota saky sanandro zisiky ty fito andro, le engaho ty mpisoro rey hanoma aomby lahy tsy misy handra amy ty biby fihary sady aondry lahy tsy misy handra baka amy ty aondry noho ty aomby avao koa. ²⁶Engaho ndrozy hanohitsy ty alitara telo andro le hanasa anizay, le amy fomba zay ro hanamasina androzy anizay. ²⁷Engaho ndrozy hameno andro rey, le amy ty fahavalo ty andro noho manoriky anizay le hanoma ty fanday horoanareo noho ty fandaim-pilongoanareo amy ty allitara eo ty mpisoro, le hankasitraky anareo zaho— zay ty voala i Tompo Yaveh."

Chapter 44

¹Le nanday ahy himpoly amy ty vavahady ivelany ty fipetraha masy azy miatriky antinana azy lahilahy iny; nihily mare zay. ²Le hozao tiasa Yaveh tamiko: "Voatom-bokase vavahady io; tsy voavoha zao. Tsy hisy olo handrio amizay eo. safe Yaveh azy Ndranaharin'Israely, ro nandrio taminizay teo, le voahily mare zay. ³Le ty mpanapaky an'Israely le hipetraky aminizay mba hihina hany aloahan'Yahe. Hihilitsy amy ty lala ty veranda ty vavahady ie le hiboaky amy lala iny avao." ⁴Bakeo le nandesiny tamy ty lala ty vavahady avaratsy ze niatriky ty trano zaho. Le nanenty zaho le ingo, ty voninahitsy Yaveh le nanatsiky ty tranon'Yaveh le niravoky niankohoko zaho. ⁵Le hoasa Yaveh tamiko: "Ry anakin'olo, mieritsereta soa sady magnteo amy ty masonao sady mijanjina amy ty sofinao amy ty raha iaby fa volaniko amina, ty amy lala ty tranon'Yaveh iaby noho ty lily amy ty fitsipiky zay iaby. Eritsereto ty miaksiky ty filira noho t fiboaha amy azy trano zay ao." ⁶Le volano amindrozy ze mpanaboka ty longon'Israely hozao: 'Zao ty vola ai Tompo Yaveh: Tokony ampy anareo azy asa mampangaroharonareo iaby, ry longon'Israely--- ⁷ze nanandesanareo vahiny tsy nisavary fo noho tsy nisavary nofotsy mba ho amy ty fipetraha masy ao, tsy nampisy dikany ty tranoko, laha nanesy hany ho Tiahy nareo, tsabora noho ty lio--- nandrava ty fanenkeam-piloangoako tamy ty fihetsikinareo mampangaroharo iaby nareo" ⁸Tsy nanatanteraky ty anjaranareo mikasiky ty rahako masy nareo, fa nitindy olo hafa nareo mba hangalakaky ty anjaranareo, sady tingingy androzy mba hikarakara ty fipetraha masy. ⁹Hozao tiasa i Tompo Yaveh: Tsy misy vahiny, tsy voasavatsy fo noho ty nofotsy, baka my ty mpipetraky amy ty olon'Israely, afaky hilitsy amy ty fipetraha masy. ¹⁰Henany zao le nanalavitsy Ahy ty Levita rey--- nikarikarioky niala tamiko ndrozy, manoriky ty sampiny---fa hanefa ty fahotandrozy rozy. ¹¹Mpanompoko amy ty fitoerako masy ao ndrozy, miamby ty vavahady ty trano noho manompo amy ty trano ao sady mandeta ty fanday horoa noho ty soro ty olondrozy, sady hitsanga aloha ty olondrozy sady hanompo androzy. ¹²Fe lafa ndrozy nanatanteraky ty sorondrozy aloaha ty sampiny, le najary vato mahameloky alohako eo noho tamy ty fahota tamy ty Israely ndrozy. Lafa zay le hatsangako ty tanako hifanta fifanta hanohitsy androzy--- zay ty vola i Tompo Yaveh--- hanay ty saziny rozy. ¹³Tsy hagnato Ahy marikitsy mba hiasa manahaky ty mpisoroko ndra hagnato ze mety ho rahako masy ndrozy, azy raha masy mare. Fe , handay ty fahafaham-barakany noho ty hadisoa ty asa mampangaroharo ze nanovindrozy. ¹⁴Fa hengako ho mpiamby ty asa amy ty trano ndrozy, ty amy ty anjara anizay tanay iay iaby. ¹⁵Le azy Levita mpisoro rey, le azy anaky zadoka ze nanatanteraky ty anjara ty fipetraha masy lafa nikarikariky niala tamiko ty olon'Israely--- hananto Ahy marikitsy ndrozy mba hanompo Ahy. Hitsanga aloha eo ndrozy mba hanesy ty tsabora noho ty lio--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁶Ho avy amy ty fipetraha masy ndrozy; hagnato ty lataboko mba hanompo Ahy ndrozy sady hanatanteraky ty anjarany Amiko. ¹⁷Lafa zay lafa magnato ty vavahady ty anay ty kianja ndrozy, le mmila misafotsy lamba rongony foty , safe ndrozy tsy mahazo militsy miaraky amy ty volo ty aondry anay ty vavahady anay ty kianja noho ty tranonizay. ¹⁸Tokony hisy hamama rongony foty ty lohandraozy sady atin'akanjo rongony foty amy ty valahany eo. Tokony tsy hisiky siky ze maha linery androzy rozy. ¹⁹Lafa miboaky ho amy ty ambaliky ty kianja ndrozy, ho ambalaliky ty kianja ba handeha hoamy ty olo, le tokony hanapotaky ty siky ze nanisiandrozy tamy ndrozy nanompo; engaho hapotandrozy zay le hengandrozy ambany amy fitoera masy ao, le tsy hanenga olo faha masy ho amy ty fitakosehy ty sikiny navaha manoka ndrozy. ²⁰Le tsy tokony haratsy ty lohandrozy rozy ndra hanenga ty volondrozy haboraky amy ty fahalala, fe engaho ndrozy hikarakara ty volondohan-drozy. ²¹Tsy tokony hisy mpisoro hino divay laha mandeha mbamy ty kianja anainy, ²²ndra hangalakaky tsy manam-baly na ampela nisa-baly ho valiny, fa virijiny baka amy ty longon'Israely avao ndra tsy manam-baly zay nanam-baly mpisoro taloha teo. ²³Fa hampianatsy ty oloko ty maha samby hafa amy masy noho tsy masy ndrozy; hampahay androzy ty maloto noho amy ty malio ndrozy. ²⁴Amy fiankiana ro hionghandrozy hitsara miaraky amy ty liliko; engaho ndrozy ho to. Hidary ty lalako noho ty liliko ndrozy amy ty fanasa iaby, sady hankalaza ty sabatako masy ndrozy. ²⁵Tsy handeha amy ty fatin'olo mba ho hanjary maloto ndrozy, laha tsy baba noho ty renindrozy zay, anakilahy na anakam-pela ze mbo tsy niaraky nandry tamin-dehilahy; laha tsy zay, hanjary maloto ndrozy. ²⁶Afara ty nampaloto ty mpisoro, le hanisaky fio andro ho tiahy ie. ²⁷Amy ty andro ze hilirany amy ty fitoera masy, anay ty kianja ao mba hanompo amy ty toera masy, le engaho handay fanday noho ty fahota ho tiahy ndrozy---zay ty fanamba i Tompo Yaveh. ²⁸Zao ty ho lovandrozy: Zaho ro lovandrozy, le tokony tsy hanomen-kanagna amy Israely eo ho ahinandrozy nareo; Zaho ro hanagnandrozy! ²⁹Hihina ty fanday ho hany Ndrozy, ty fannday noho ty fahato, ty fanday noho ty hadisoa, sady ze atsiky fanoran-bata hoahy Yaveh a Israely ao, le ho tiahy ndrozy. ³⁰Ty soa mare amy ty veloham-bokatsy amy ty kila raha iaby noho ty fandrambesa anjara iaby, ndra ino ndra ino baka amy ty fandrambesanareo anjara iaby le hoahy ty mpisoro, sady hanome ty soa mare amy ty fanday sakafonareo hoahy ty mpisoro nareo mba hipetraha ty fitahia an-tranonareo ao. ³¹Azy mpisoro rey le tsy homa fatim-biby ndra biby niravarava, ndra voro ndra biby.

Chapter 45

¹Lafa miloka mba hizara ty tany ho laova nareo, le tokony hanao fanday hoahy Yaveh; azy fanday io le hoahy ty zara masy ty tany, roa aly sy dimarivo hakiho ty halavany, le ray aly hakiho ty sakany. Ho masy zay, ty faritsy iaby mihodidy anizay. ²Bakeo amizay eo le hisy zoro efatsy ze mifery dimanjato hakiho tora-droa mihodidy ty toera masy, miaraky amy ty rafitsy mihodidy ze miefery dimampolo hakiho ty sakany. ³Baka amy ty faritsy io hamentara faritsy raiky ze roa aly sy dimarivo hakiho ty halavany le ray aly ty sakany; ⁴ho fitoera masy zay, azy toera masy mare. Ho toera masy amy ty tany ty mpisoro ze manompo an'Yaveh zay, Ze nagnato an'Yaveh marikitsy mba hanompo AZy. Ho hipetraha ty tranonrozy zay sady faritsy masy hoahy ty fitoera masy. ⁵Le ho roa aly sy dimarivo hakiho ty halavany le ray aly ty sakany, sady ho tana-bevata hoahy Levita ze manompo an-trano ao rey zay. ⁶Hitingy faritsy hoahy ty tana iha, dimy arivo hakiho ty sakany le roa aly sy dimarivo ty halavany, zay le ho anila ty faritsy natoka hoahy ty toera masy; azy tana zay le hoahy ty longon'Israely. ⁷Ty tany ty mpanjaka le ho amy ty ilany roe amy azy faritsy natoka hoahy ty toera masy noho ty tana. Ho amy ty andrefa noho amy ty antinanany zay. Ty halavany le mifanahaky amy ty raiky amy ty ialany rey, baka andrefa mban-tianana. ⁸Azy tany zay le ho hanagna ty mpanjaka lahilahy a Israely any. Azy mpanjakako rey le tsy hampijaly ty oloko sasy; fe, hanome ty tany hoahy ty longon'Israely, hoahy ty fokoandrozy. ⁹Ty Tompo Yaveh le mivola hozao: Soa zay, ry mpanjaka an'Israely! Engaho ty nehaneha noho ty fifamalia; manaova ty rariny noho ty fahamarina! Engaho ty fandroasanao ty oloko! ---zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁰Tokony hana fandanja to nareo, efaha to, sady bata to! ¹¹Ty efaha noho ty bata le mindra fatsy, mba ho ampahafoto ty homera raiky ty bata raiky; ty efaha le ho ampahafolo ty homera raiky. Ty famemtara androzy rey le mifanahaky amy ty homera. ¹²Ty sekely raiky le ho roapolo gera; ty sekely ennipolo le ho mina raiky ho ahinareo. ¹³Zay ty fandrambesa anjara tsy maintsy haoinareo: ty ampaheny ty efaha raiky saky ty homeram-bary tritika iaby, sady hanome ampaheny ty efaha raiky saky ty homeram-bary hordea nareo. ¹⁴Ty lala ty fanday soliky le ampahafolo ty vata raiky saky ty kora (azy bala folo), na saky ty homera raiky le bata folo avao koa. ¹⁵Aondry na aosy raiky baka amy ty aondry noho ty aosy saky ty biby roanjato iaby baka amy ty faitsy mamokatsy ahin'Israely ho ampiasa amy ty fanaova fanday oroa ndra fandaim-pilongoa hananova fanavota ty olo--- zay ty vola i Tompo Yaveh. ¹⁶Ty olo iaby amy ty tany le hanao fandrambesa anjara zao hoahy ty mpanjakan'Israely. ¹⁷Ho anjara ty mpanjaka ty manome ty biby hoahy ty fanday horoa, azy fanday ho hany, sady ty fanday hinoma amy ty fifalia noho ty fankalaza ty vola vaovao, sady amy ty andro sabata---ty fifalifalia fa voatingy ty tarihan'Israely iaby. Hampanday amy ty fanday noho ty fahota ndrozy, azy fanday voa, azy fanday horoa, sady azy fandaim-pilongoa ho amy fanafaha hoahy ty longon'Israely. ¹⁸Ty Tompo Yaveh le mivola hozao: Amy ty veloha ty vola, amy ty andro velohany, le hangalaky aomby lahy tsy misy handra baka amy ty aomby iha sady hanao fanday ty fahota ho amy ty fitoera masy. ¹⁹Ty mpisoro le hangalaky ty ilany amy ty lio ty fanday noho ty fahota sady hamitiky anizay amy ty tolam-baravara ty trano noho amy ty sisiny ty zoro efatsy noho ty sisiny alitara, sady amy ty tolam-bavahady ty kianja anainy. ²⁰Ho hanovinao saky ty fahota tsy sitra-po na tany tsy fahaiza ty olo raiky ze amy ty faha fito ty vola; hanavotsy ty fiangona iha amizay. ²¹Amy ty veloha ty vola amy ty andro faha folo efatsy amby ty vola, le hisy fifalia ho ahinareo, fifalia fito andro. hihina mofo tsy nampitomboana nareo. ²²Amy andro io, ty mpanjaka le hanoma aomby lahy raiky ho fanday noho ty fahota hoahy ty vatany noho hoahy ty olo iaby amy ty tany. ²³Zisiky ty andro fifalia fito andro, ty mpanjaka le hanoma fanday horoa hoahy Yaveh: aomby lahy fito noho aondry lahy tsy misy handra fito saky sanandro zisky fito andro, sady aosy lahy raiky saky sanandro ho fanday noho ty fahota. ²⁴Bakeo azy mpanjaka rey le hanesy fanday ho hany raiky efaha saky ty aomby lahy sady efaha reiky saky ty aondry lahy miaraky amy ty soliky hina raiky saky ty efaha. ²⁵Amy ty faha fito ty vola amy ty faha folo limy amby ty vola, amy ty fifalia, le hanao fanesy fanday maharitsy fito andro azy mpanjaka rey: fanday noho ty fahota, fanday horoa, fanday ho hany, sady fanday ty soliky.

Chapter 46

¹Zao ty vola i Tompo Yaveh: Ty vavahady anay ty kianja, miatriaky mian-tiana, le harindry maharitsy eny andro amy ty fiasa, fa lafa sabata le ho voha, amy tyandro ty veloha ty vola. ²Hilitsy ivela ty kianja amy ty lala ty vavahady noho veranda baka ambaliky any ty mpanjaka, sady hitsaka aloha ty tolam-baravara ty vavahady anainy laha mbo manday fanday oroa noho fandaim-pilongoa ty mpisoro. Le hanome voninahitsy an-tokonam-baravara ty avahady anainy eo ie sady hiboaky, fe tsy ahily ty avavahady zisiky hariva. ³Ty olo ty tany avao koa le manompo miatriky an'Yaveh amy ty filira io eo amy ty sabata noho ty veloha ty vola. ⁴Ty fanday oroa ze nasesy ty mpanjaka hoahy Yaveh amy ty andro Sabata le anak'aondry eny tsy misy handra noho aosy lahy tsy manankandra. ⁵Ty fanday vary noho ty aosy lahy le ho efaha raiky, le ty fanday vary noho ty anak'aondry le ze teany hamea, le soliky hina raiky saky ty vary efaha raiky. ⁶Amy ty veloham-bola ty andro le engaho ndrozy hanesy aomby tsy misy handra baka ammy ty aomby lako, anak'aondry eny, sady aosy lahy tsy misy handra. ⁷Engaho ie handay fanday voa raiky efaha saky ty vatotsy aomby lahy, sady ze teany hoahy ty anak'aondry, sady soliky hina raiky saky efaham-bary iaby. ⁸Lafa militsy amy ty lala ty vavahady noho ty verandany ty mpanjaka, le engaho avao ndrozy hiala amy ty lala nandinany. ⁹Fa lafa avy miatriky an'Yaveh amy ty fety nitinginy ty olo ty tany eo, ndra ia ndra ia militsy amy ty vavahady avaratsy mba hanompo le engaho hiboaky amy ty vavahady antimo; sady ndra ia ndra ia militsy amy ty vavahady antimo le engaho hiboaky amy ty vavahady avaratsy. Tsy misy olo afaky mimpoly amy vavahady ze nilirany, fa tsy maintsy miboaky mahity ie. ¹⁰Engaho ho anivondrozy ty mpanjakany; lafa militsy ao ndrozy, le tsy maintsy militsy ie, sady lafa miala ndrozy, le tsy maintsy miala ie. ¹¹Amy fety ao, engaho ho efaham-bary raiky saky ty vatotsy aomby lahy noho efaha saky ty aondry lahy ty fanday vary, sady ndra ino ndra ino ty teany homea miaraky amy ty anak'aondry, sady soliky hina raiky saky ty efaha. ¹²Lafa manome fanday vokatsy ty fo ty mpanjaka, ndra fanday oroa ndra fandaim-pilongoa ho ahin'Yaveh, le voha hoazy ty vavahady ze miatsiky antinana. Hanesy fanday horoa ndra ty fandaim-pilongoany manahaky ty fanaony amy andro Sabata ie. Bakeo le tsy maintsy hiboaky ie, le afara ty hiboahany le hahily ty vavahady. ¹³Tovin'izay, hanome anak'aondry tsy misy handra tao raiky ho fanday horoa hoahy Yaveh saky sanandro iha; hanovinao zay saky maray. ¹⁴Hanome fanday vary miharo amizay saky maray iha, ty faha eny amy ty efaha noho ty ampaha-telo ty soliky hina raiky mba hande ty koba ty fanday vary hoahin'Yaveh, sady araky ty lala maharitsy. ¹⁵Hikarakara ty anak'aondry, ty fanday voa, sady ty soliky saky maray, fanday horoa maharitsy ndrozy rey. ¹⁶Zao ty vola i Tompo Yaveh: Laha manome fanomeza hoahy ty raiky amy ty anakilahy ty mpanjaka, lova zay. Ho hanagna ty anany zay, lova zay. ¹⁷Fa laha manome fanomeza baka amy ty lovany hoahy ty raiky amy ty mpiasany ie le hoahy ty mpiasany zay zisiky hiavia ty taom-pahafaha, le bakeo le himpoly amy ty mpanjaka zay. Azy lovany rey le vatany hoahy ty anakilahy. ¹⁸Tsy misy hangalaky ty lova ty olo amy ty zara-taniny avao ty mpanjaka; tsy maintsy hanome baka amy ty zara-taniny hoahy ty anakilahiny ie mba tsy hiparitaha ty oloko, azy olo kiraikiraiky baka amy ty zara-taniny avao koa. ¹⁹Le bakeo nanday ahy tany ty filira tany vavahady mba amy efitsy masy ty mpisoro rey teo azy olo iny, ze nniatiky ty avaratsy le ingo! Nisy toera tandrefa tany. ²⁰Hozao tiasany amiko: "Toy ty toera ze tsy maintsy hiketreha ty mpisoro noho ty fanday fanorena noho fanday noho ty fahota sady tsy maintsy hanendasandrozy ty fanday voa. Tsy tokony handay fanday ambaliky ty kianja ao ndrozy, fa lafa bakeo le ho amasiny ty olo. ²¹Bakeo le nanday ahy amy amy kianja ambaliky ie le nandesiny tany ty zoro efatsy ty kianja zay zaho, le hitako fa nisy fitsara hafa tany ty zoro ty kianja iaby. ²²Amy ty zoro ty efatsy ty kianja ambalikiny le nisy kianja kely efatsy, efapolo hakiho ty halavany sady telopolo ty habeny. Refy mifanahaky iaby hoahy ty kianja efatsy. ²³Misy toera namboary tany ty vato mihodidy ty efatsy tamindrozy, le ty fatapera fikereha le tambany ty haram-bato. ²⁴Hozao tiasa lahilahy iny tamiko: "Rey ty tiara ze hiketreha ty mpanompo ty fiangona ty soro ty olo."

Chapter 47

¹Bakeo azy lahilahy iny le nanday ahy ho amy ty filira amy ty fiangona ao, le misy rano mandeha baka ambany ty tokonam-baravara ty trano amy ty antinana ty fiangona--- taloha ty fiangona matriky mian-tinana--- le azy rano iny le nandeha mba amy ty ilany avaratsy ty fiangona, mban-kavana ty alitara. ²Le nandesiny niboaka baka amy ty vavahady andrefa zaho sady nihodidy ty vavahady miatsiky ty antinana, sady nisy rano nandeha baka amy vavahady io amy ilany antimo.³Laha nandeha an-tinana any azy lahilahy iny, le nisy metatsy tan-tanany teny; nametatsy arivo hakiho ie sady nanday ahy niampita rano le vatany rano laliky zisiky amy ty hitro kely. ⁴Le nanametatsy arivo hakiho ndraiky ie le nanday ahy niampita rano azy rano laliky zisiky amy ty ongo; le nanametatsy arivo hakiho hafa ie le nanday ahy tany rano laliky zisiky am-balaha. ⁵Bakeo le nanametatsy arivo hakiho hafa ie, fe renirano tsy tokony hiampitako zao safe niakatsy ty rano sady laliky tsy hay ilomanosa--- renirano ze tsy afaky niampita zay.⁶Hoasa azy lahilahy iny tamiko: "Ry anakin'olo, hiatano va io?" Le nanday ahy niboaky ie le nampipoly ahy tany ty sisiny ty renirano. ⁷Lafa zaho nimpoly iny, le nisy hazo lako tany ty sisiny ty renirano le tany ty ilany raiky koa. ⁸Hoasa lahilahy iny tamiko: "Miboaky amy faritsy tany antinana rano io le mitsojo mba Arabaha; mivary mba amy Riaky i Sira zay le hampalio azy.⁹Le ty raha managnay lao rey le velo amy ze nandina ty rano; hisy fia lako ao, safe mandeha any ty rano. Hampalio ty riaky iny zay. Ho velo amy ze andina ty rano ty kila raha iaby. ¹⁰Sady bakeo le hitsanga amy ty sisiny ty rano ty mpahaza an'i En-jedy, sady hisy toera fanahia ty harato fihaza any ty sisiny i En-eglaime. Hisy karam-pia lako amy ty Riaky ty Sira ao, manahaky ty habe ty fia amy ty Riaky-bevata. ¹¹Fa azy honahona noho ty heniheny ty Riaky i Sira le tsy ho voalio; hamokara sira rey. ¹²Anila ty renirano amy sisiny io, amy ty ilany roe, le hisy karan-kazo hitiry ze hamokatsy sakafo. Ty ravindrozy rey le tsy halazo le ty voandrozy le tsy hiegnny hitombo. Isam-bola azy hazo rey le hamoa voa, safe ty rano baka amy ty fitoera masy le mandeha mbamy ndrozy. Ho sakafo ty voandrozy, le ty ravindrozy le ho fitsaboa. ¹³Zao ty vola i Tompo Yaveh: Zay ty fomba hizaranao ty tany hoahy ty fokoa folo roa amby ty Israely: Hana anjara roe i Josefa. ¹⁴Ho zara mira ze nanondrotako ty tanako noho nifantako fa homea azy razanao rey. Azy tany toy le hanjary lovanao. ¹⁵Ty sisiny tany amy ty ilany andrefa manomboky amy ty ranomasy bevata mandalo amy lala i Hetlona, le sisiny Zedada. ¹⁶Sady hitohy a Berota ty sisiny tany, zisisky Sibraima, azy anenlanela i Damaskosy noho Hamata, sady ty bakeo amy hazara hatikona, azy anila ty sisiny tany i Haorona. ¹⁷Le hitohy manomboky amy ty riaky zisisky amy Hazar-enana amy ty faritsy ty tanin'i damaskosy noho Hamata mban-drefa ty sisiny tany. Zay ty ho sisiny andrefa. ¹⁸Tany ty ilany antinana, tanelanela i Haorananoho Damaskosy sady tanelanela i Gileada noho ty tanin'i Israely ty reniranon'i Jordana. Tsy maintsy metarinao baka amy ty sisiny ty riaky antinana; azy iaby zay ro ho sisiny tany ty antinana. ¹⁹Bakeo ty sisiny ty tany antinana: Ty antimo ty Tamara mbamy rano Meriba Kadesy rey, ty baibo i Egypta mbamy ranomasy-Be, sady ty ilany antimo miatsiky ty antimo. ²⁰Le ty sisiny ty tany andrefa no ho Ranomasim-be mandeha amy ze mifanohitsy amy i Hamata. Zay ro ho ilany andrefa. ²¹Amy fomba zay ro hizaranareo ty tany toy ho ahinareo, hoahy ty fokoa ty Israely. ²²Le hizara ty lova hoahy ty vatanareo nareo sady hoahy ty vahiny anivonareo eo, ay ze latsak'anaky tanivonareo noho ty miaraky aminareo rey, manahaky ty olo tera-tany ty Israely. Hanome lova lako amy ty fokoa any Israely nareo. ²³Le ty vahiny le hiaraky amy ty fokoa ze hipetrahandrozy. Tsy maintsy manome lova ho tiazy nareo--- zay ty vola i Tompo Yaveh."

Chapter 48

¹Retia iaby ty fokoa nahazo ty anaja-tany raiky ty fokoa i Dana, ty faritsy ty taniny le hahazo baka amy ty sisysy ty tanin'Israely amy ty sisysy ty lala i htlona noho Lebo Hamata. Ty sisitanin-izay le hitohy zisiky Hazar-enana le manoriky ty sisn-tananin'i Damaskosy miananantimo le zisisky Hamata. Ty faritsy ty tany an'i Dana le manomboky baka an-timo ty lala iaby mbamy rially Bevata. ²Marikitsy amy ty faritsy tany i Dana, baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa, ro anjara raiky hoahy Asera. ³Marikitsy amy faritsy tanin'i Asera baka amy ty ilany antinana le zisky andefa, ro anjara raiky hoahy i Naftaly. ⁴Mifanila amy amy faritsy ty tanin'i Naftaly baka amy ty ilany antinana le zisky andrefa, ro anjara raiky hoahy i Manase. ⁵Mifanila amy ty faritsy tanin'i Manase baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa, ro anjara raiky hoahin'i Efraima. ⁶Mifanila amy faritsy tanin'i Efraima baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa, ro anjara raiky hoahin'i Robena. ⁷Mifanila amy ty faritsy tanin'i Robena baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa ro ho anjara raiky hoahin'i Joda. ⁸Ty fanolora ty tany ze hanovinao le hanaraky ty faritsy tanin'i Joda le hihitatsy baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa; ho roa aly sy dimarivo hakiho ty sakany. Ty halavanizay le mifaraky amy ty anjara ty fokoa raiky baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa, sady ho anivonizay ty fiangona. ⁹Azy tany ze hameanoa an'i Yaveh zay le ho roa aly noho dimarivo hakiho ty halavany le ray aly hakiho ty sakany. ¹⁰Retia iaby ty annjara asa ty tany masy: azy mpisoro rey le hana teny voatingy ho ahindrozy mirefy roa aly noho dimarivo hakiho ty halava ty ilany avaratsy; ray aly hakiho ty sakany ty ilany andrefa; ray aly hakiho ty sakany ilany antinana; le roa aly sy dimarivo hakiho ty halava ty ilany antimo, miaraky amy ty fitoera masin'Yaveh anivon'izay eo. ¹¹Zay le hoahy ty fanokana azy mpisoro ty taria i Zadoka, ze fa nanompo Ahy tany ty fahatokia, noho tsy nandeha tany ty lala diso tany ty olon'Israely nandeha tany ty lalan-diso, manahaky ty nanoviy ty Levita rey. ¹²Ty fanday ho ahindrozy rey le ho anjara baka amy ty tany masy mare toy, mihitatsy baka amy ty faritsy ty tany tiahy Levita rey. ¹³Ty tany ty Levita marikitsy ty faritsy ty tany miharo amy ty tany ty mpisoro le ho roa aly sy dimarivo hakiho ty halavany le ray aly hakiho ty sakany. Ty halava ty hahabe ty tany roe iebysy le ho roa aly noho dimarivo hakiho ty halavany le roa aly hakiho ty sakany. ¹⁴Tsy mahazo mivarotsy na mifanakalo anizay ndrozy; tsy misy azo sarahy amy ty habe ty taniny azy veloham-bokatsy ty tanin'Israely, fa masy hoahy Yaveh ze kila raha iaby zay. ¹⁵Ty tany sisa tavela, le rima arivo hakiho ty sakany le roa aly noho dimarivo ty halavany, le hiaraky hampiasa hoahy ty tana, ty trano, sady ty tany fihinan'akata; ho anivo ty tana zay. ¹⁶Retia iaby ty ho refy ty tana: 4.500 hakiho ty halavany ty faritsy avaratsy; 4.500 hakiho ty halava ty ilany antinana; le 4.500 hakiho ty halava ty ilany andrefa. ¹⁷Le nisy lavaky hoayty tana avaratsy any, 250 hakiho ty halalikiny; amy ty antimo, 250 hakiho ty halalikiny; amy ty antiana eo, 250 hakiho ty halaliny, le amy ty andefa eo, 250 hakiho ty halalikiny. ¹⁸Le ty faritsy amy ty fanday masy le hahatratsy ray aly hakiho miantinana le ray hakiho andrefa. hihitatsy manaraky ty faritsy ty tany ty fanday masy zay sady ho sakafo ze miasa an-tana ao ty vokatsy anizay. ¹⁹Ty olo ze miasa an-tana ao, ty olo ty foakoa aan'Israely iaby, ro hiasa anizay tany zay. ²⁰Ty zara tany iaby le hirefy roa aly noho dimarivo hakiho dora-droa. Amy fomba zay ro hanovanareo azy tany fanday masy ty tany, miaraky amy tany azy tana iny. ²¹Ty amby ty tany amy ty ilany noh ty ilany fanday masy noho ty faritsy ty tana le hoahy ty mpanjaka. Ty hahabe ty tany ty mpanjaka antinana any le hahatratsy roa aly noho dimarivo hakiho manomboky amy ty faritsy tany azy fanday masy le zisky amy ty sisin-tany--- le ty habeny ty antinana le hahatratsy roa aly sy dimarivo hakiho baka amy ty sisin-tany andrefa. Ho anelanela ty fanday masy, sady ty toera masy ty fiangona le ho anivon'izay eo. ²²Ty tany miiitatsy baka amy ty fanana ty Levita eo rey noho ty faritsy ty tana anivony le hoahy ty mpanjaka' ho anelanela ty sisin-tany tiahy Joda noho ty sisin-tany ty Bebjamina zay--- azy tany io le hoahy ty mpanjaka. ²³Laha amy ty foko ambiny rey, ty anjarandrozy avao koa le ho baka antinana le zisky andrefa. Hahazo anja ai Benjamina. ²⁴Mifanila amy ty faritsy tanin'i Benjamina baka antinana le zisiky andrefa, ho anjara raiky hoahy i Simeona. ²⁵Mifanila amy faritsy tanin'i Simeona baka amy ty ilany antinana le zisky andrefa, le hahazo anjara raiky i Isakara. ²⁶Mifaniala amy faritsy tanin'i Isakara baka amy ty ilany antinana le zisiky andrefa, le hahazo anjara raiky i Zebolona. ²⁷Amy ty antimo ty faritsy Zebolona, baka andrefa le zisiky antinana, le ho tanini'i gada--- anjara tany raiky. ²⁸Ty faritsy ty tanin'i Gada le hiiitatsy manomboky a Tamara le zisiky amy ranon'i Meriba-kadesy, le avy zisiky amy baibo lemaky i Egipta, sady le zisiky amy ty Riaby Bavata. ²⁹Zay azy tany ze hilokanareo; ho lova ty fokoa ahin'Israely zay. Rey le ho anjaran-drozy. Zay ty vola i Tompo Yaveh. ³⁰Retia ty fiboaha baka antinana ao: amy ty ilany avaratsy, ze mirefy 4.500 hakiho ty halavany, ³¹le hisy vavahady telo, nikaiha baka amy ty fokoa an'Israely: vavahady raiky hoahin'i Robena, vavahady raiky hoahy Joda, le vavahady raiky hoahin'i Levy. ³²Amy ty ilany antinana, ze mirefy 4.500 hakiho ty halavany, le hisy vavahady raiky hoahy i Josefa, vavahady raiky hoahin'i Benjamina, le vavahady raiky hoahin'i Dana. ³³Amy ty ilany antinana, ze mirefy 4.500 hakiho ty halavany, le hisy vavahady tel: vavahady raiky hoahin'i Simeona, vavahady raiky hoahin'i Isakara, le vavahady raiky hoahin'i Zebolona. ³⁴Amy ty ilany

andrefa, ze mirefy 4.500 hakiho, le hisy vavahady telo: vavahady raiky hoahin'i Gada, vavahady raiky hoahin'i Asera, le vavahady raiky hoahin'i Naftaly. ³⁵Ray aly noho valo arivo hakiho ty refy ty mihodidy ty tana; manomboky amy andro io le ho kaihy hoe "Yaveh Ro Ao" ty anara azy tana zay.

Daniel

Chapter 1

¹Tamy faha telo tao nanjakan'i Joiakima mpanjakan'i Joda, Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona niavy ta Jerosalema tao sady nihodidy ty tana mba hanapaky ty fanampea iaby ho ahizay. ²Namea i Tompo fandrese a i Nebokadnezara tany Joiakima mpanjaka i Joda teo, le naleany tany ty raha masy baka amy ty tranon-Dranahare rey ie. Nandesiny ho amy tana Babylona ie, ho an-trano ty ndranahareny, le nengany tany ty fitoera ty fanday ty ndranahareny azy raha masy rey. ³Le niresaky tany Aspenaza, azy be ty manamboninahitsy, ty mpanjaka mba handay ty ilany amy azy anaky Israely rey, amy ty longo ty mpanjaka noho anabonabo firanazana—⁴pamaraky tsy manan-kandra, matavy vinta, mahay ay ty fahendrea iaby, atsiky fahalala noho fahaiza, sady voatingy mba hanompo amy ty lapa ty mpanjaka. Ie le hampianatsy androzy ty literatiora Babyloniana noho ty fivolanany. ⁵Nanenga mpanjaka amy ty haniny mitoka saky sanandro noho ty ilany amy ty divay ninomany ndrozy. Azy mpamaraky rey le nohofany naharitsy telo tao, le afaran'izay le hanompo ty mpanjaka ndrozy. ⁶Anain'izay i Daniela, Hanania, Misaela, le i Azaria, azy ilany amy olon'i Joda rey. ⁷Namea ty be ty manam-boninahitsy anara ndrozy: Daniela nikaiha hoe Beltesazara, hanania nikaiha hoe Sadraka, Misaela nkaiha hoe Mesaka, le i Azaria nikaiha hoe Abednego. ⁸Fa ty eritreritsy i Daniela tan-dohany tao fa tsy handoto ty vatany amy ty hany soa ty mpanjaka noho ty divay ze ninomany ie. Le nangataky fangataha tany be ty manam-boninahitsy ie mba tsy handoto ty vatany. ⁹Le namean-Dranahary haty noho fo malahelo Daniela tany ty fanjaka bevata ty manamboninahitsy azy. ¹⁰Nivola hozao tany Daniela ty be ty manamboninahitsy: "Mavaka ty mpanjaka zaho tompoko. Ie ro nandidy ty hany noho ty raha inominao. Maniana ie ro hahitaky faharatia aminao mandilatsy ty mpamaraky hafa aminao eny ze mindra tao aminao? noho iha ro mety hanapaha ty mpanjaka ty lohako." ¹¹Bakeo Daniela nivola tany mpiamby raharaha ze nitinginy ty be ty manamboninahitsy hoahin'i Daniela, Hanania, Misaela le i Azaria. ¹²Hozao tiasany: "Mba anoharo maharitsy folo andro lahy zahay mpiasanao. Omeo legioma noho rano hinoma avao zahay. ¹³Le ampitovio amy ty tarehy ty mpamaraky ze mihina ty hany soa ty mpanjaka ty tarehinay, le anovo aminay, mpiasanao amy ze nihitanao." ¹⁴Le nanoriky ty hevitsiny hanao anizay azy mpiamby raharaha iny, le nanohatsy androzy naharitsy folo andro ie. ¹⁵Tamy faha folo andro farany ty tarehindrozy le vatany salama soa sady nafiha soa mandilatsy ty mpamaraky ze nihina tany ty hany soa ty mpanjaka. ¹⁶Le nala ty mpiamby raharaha ty hany soa noho ty divaindrozy rey le legioma avao ty nameany androzy. ¹⁷Laha amy ty mpamaraky efatsy rey, namean-Dranahare androzy rey ty fahaizaa noho ty fahalala amy ty literatiora iaby noho ty fahendrea, le afaky mahita azy kila raha fahita noho ty nofy iaby i Daniela. ¹⁸Tamy ty fiafara ty fotoa ze nenga ty mpanjaka handay androzy rey, le nbanday androzy aloha i Nebokadnezara ty be ty manamboninahitsy. ¹⁹Nivola tamindrozy rey ty mpanjaka, sady tsy nisy mandilatsy an'i Daniela, Hanania, Misaela le Azaria tany ndrozy iaby. Nitsanga aloha taloha ty mpanjaka ndrozy, nonona hanompo azy. ²⁰Tamy ty fanontania iaby mikasiky ty fahendrea noho ty fahaiza ze napetraky ty mpanjaka tamindroz, le voavalindrozy zato isan-jato mandilatsy azy ombiasy noho ze azy mivola miresaky amy ty lolo, ze amy ty fanjaka iaby zay. ²¹Tany avao i Daniela baka amy ty veloha ty tao najaka ty mpanjaka Kirosoy.

Chapter 2

¹Tamy ty aharoa ty tao nanjakan'i Nebokadneza, le nanonofy ie. Nihorohoro ty sainy, sady tsy letin-drozro ie.

²Le nampikaiky ty ombiasy noho azy mivola fa miresaky amy ty lolo ty mpanjaka. Niakaiky azy mpanao aoly noho ty olo hahilala avao koa ie. Nanniry androzy hivola ty mikasiky ty nofiny ie. Le nilitsy ndrozy le nitsanga taloha ty mpanjaka teo³Hozao tiasa i mpanjaka tamindrozy: " Nanonofy zaho, le ty saiko le mangitikitiky ty hahay ty dika azy nofy zay." ⁴Bakeo le nivola tamy mpanjaka tamy ty fivolana Aramiana azy olo mahilala rey: "Iha lahy mpanjaka, ho velo mandrakizay! Volano amiany mpiasanao nofy zay, le volanianay ty dikany."⁵Namaly hozao azy mahilala rey ty mpanjaka: "Fa nilamy azy raharaha zay. laha tsy ambaranareo noho tsy azavanareo ahy nofy zay, le ho potipotiky ty vatanareo sady azy tranonareo rey le hanoviko fanaria akata. ⁶Fa laha ambaranareo ahy ty nofy noho ty dikany, le hahazo fanomeza baka amiko nareo, fanomeza raiky, sady voninahitsy bevata. Le ambarao hy ty nofy noho ty dikany."⁷Le namaly hozao ndraiky ndrozy: " Tokony hivola aminay mpiasanao iha mpanjaka, ty nofy le hambaranay aminao ty dikany." ⁸Namaly hozao ty mpanjaka: " Haiko soa fa te hahazo fotoa mandilatsy nareo safe fa hainareo fa tena hentisty ty fanampahan-kevitso mikasiky zay." ⁹Fa laha tsy ambaranareo amiko nofy zay, le raiky avao ty safako ho ahinareo. nanapa-kevitsy ty hanoma safa vandy noho verivery ze fa nifanarahanareo ho volanny amiko nareo zisiky mampiova ty hevitsiko. Le ambarao ahy nofy zay, le ho haiko fa afaky mandika anizay amiko nareo.¹⁰Namaly azy olo mahilala rey ty mpanjaka hoe: " Tsy misy olo an-tany eto afaky hahatanteraky ty fangataha ty mpanjaka. Tsy misy mpanjaka bevata noho mahery mbo nangataky raha manahaky zay baka amy ty ombiasy, ndra baka aminia ndra ia mivola fa miresaky amy ty lolo, ndra baka amy ty mahilala. ¹¹Sarotsy ty raha ila ty mpanjaka, sady tsy misy ndra ia ndra ia afaky hivola anizay amy mpanjaka laha tsy ndranahare, sady ndrozy rey tsy miay miaraky amy ty olombelo."¹²Le vatany nahameloky ty mpanjaka zay, le nanome baiko handrava any Babylona rey iaby ze hay tamy ty fahendreny ie. ¹³Le niboaky ty lala fa azy iaby ze nihay tamy ty fahendre ndrozy rey le nivonao. Noho ty lala o, le nila an'i Daniela noho ty namany ndrozy mba hahaza hamonoa androzy.¹⁴Le novalia i Daniela amy ty fahaiza noho amy ty fisaina an'i Arioka mpifehy ty mpiamby ty mpanjaka, ze niavy hamono azy iaby rey ta babylona tao ze nihay tamy ty fahendreandrozy. ¹⁵Nanontany hozao ty mpifehy ty mpanjaka i Daniela: " Manino ty lala ty mpanjaka malaky manahakizao?" Le nivolanin'i Arioka tamy Daniela ze niseho. ¹⁶Bakeo nilitsy Daniela le nangataky fifaona tamy mpanjaka mba hahazany manao ty fandika ho ahy mpanjaka. ¹⁷Bakeo le nandeha tan-tranonony tany le nanazava ze niseho tamy Hanania, Misaela, le Azaria i Daniela. ¹⁸Nitao androzy hila famin-drampo baka amy Ndranahare ty lanitsy ie mikasiky raha mivony io mba tsy hamonoa azy noho ndrozy miharo amy ty olo sisa ta Babylona z hay amy ty fahendreandrozy.¹⁹Tamy halin'io le nanambara tamy Daniela tanay ty fahita ty raha mivony io. Le nanompo ty Ndranahare ty lanitsy i Daniela ²⁰le nivola hozao: " Manompoa ty anara ty Ndranahare zisily amparany; fa Gnazy ty fahendrea noho ty hery.²¹Manova ty fotoa noho ty fanim-potoa Ie; mangalaky noho mametraky ty mpanjaka amy ty sieza fiadanany eo Ie. Manome fahendre hoahy ty hendry Ie sady fahalala hoahy ze mana ty fahaiza. ²²Manaro ty laly noho ty raha mivony Ie safe hainy ty anay ty maiiky, sady ty fahazava miay aminy ao."²³Iha Ndranahare ty razambeko, misaotsy Anao zaho sady manompo anao noho ty fahendrea ze nameanao ahy. Fa nampahaizanao ahy henanizao ze nilanay taminao; nampahaizanao any ty raha mampangitikitiky ty mpanjaka."²⁴Bakeo le nilitsy Daniela nagnety an'i Arioka (azy nitinginy ty mpanjaka iny hamono ty olo hendry iaby ta babylona tany). nandeha ie le nivola hoizao tamny: " Ka mamono ty olon-kendry a Babylona any. Andeso amy mpanjaka any zaho le hatoroko ty mpanjaka ty dika ty nofiny."²⁵Le nandesy Arioka malaky tanatreha ty mpanjaka teo i Daniela sady nivola hozao: "Nahita lahilahy raiky tamy olo i Joda natao sasitany rey ze hanambara ty dika ty nofy ty mpanjaka zaho."²⁶Hoasa i mpanjaka tamy Daniela (ze nanovy hoe Beltesazara): " Iha va afaky hivola amiko ty nofy ze nihitako noho ty heviny va?"²⁷Namaly ty mpanjaka nanao hzaio i Daniela: " Ty raha mivony ze nanontania ty mpanjaka le tsy ho azo ze mana fahendrea atoro, ndra ze azy mivola rey fa miresaky amy ty lolo, ndra amy ty alala ty aombiasy, sady tsy ammy alala ty mpisikily. ²⁸Ndra zay aza, misy Ndranahare ze mipetraky an-danitsy any, ze mivola ty raha mivony, sady fa nampahaiza anao, lahy Nebokadneza mpanjaka, ze hiboaky amy ty andro ho avy. Ndretria t nofinao noho ty fahita ty sainao lafa iha niroro tamy ty kitrelinao."²⁹Laha ty aminao, lahy mpanjaka, ty fisaina amy ty kitrelinao eo le mikasiky ty raha ho avy, le ty manambara ty raha mivony le fa nampahaiza anao ze ho avy. ³⁰Laha ty amiko, zay raha mivony zay le tsy nambara tamiko noho ty fanendrea ze nananako lakolako mandilatsy ty olombelo faha. Nivolany tamiko raha mivony zay mba hahazanao ty dikany, lahy mpanjaka, sady mba hahazao mahay azy eritseritsy laly anainao ao. ³¹Iha lahy mpanjaka, niandra iha le nahitaky sary vonga bevata. Azy sarivonga io le vatany mahery noho mipiriaky, le nitsanga talohanao eo. Mampangitikitiky ty fipiriakany. ³²Ty loha ty sary vonga le vita baka amy ty volamena le vatany soa biby. Ty tratrany noho ty sandriny le vita baka amy ty volafoty. Ty anivony noho ty feny le

vita baka amy ty saba, le ty ranjon'izay le nanovy tamy ty vy.³³ Tombonizay le vita tamy ty vy ty ilany le tanimanga ty ilany.³⁴ Niandra iha, le nisy vato raiky nitampakyndra tsy tamy alala ty tanan'olo aza, le namely ty tarivonga tamy ty tmbony vy noho tanimanga zay, le nandrava androzy rey.³⁵ Bakeo ty vy, ty tanimanga, ty saba, ty volafoty, noho ty volamena le nanjary tsikafom-bary amy ty tahom-bary amy hafosa. Nandesy ty tsioky rey le tsy nisy ndra raiky tavel. Fa azy vato ze nandrava ty sarivonga le nandrany vohitsy bevata le atrisky ty kila tany iaby.³⁶ Zay ty nofinao. Le handeha hivola ty tikany amy mpanjaka zahay henany io.³⁷ Iha, lahy mpanjaka, ro mpanjaka ze namean-Dranahare ty lanisy ty fanjaka, ty fahefa, ty hery noho ty voninahitsy.³⁸ Fa nanoviny tantananao teo ty toera ze ze hipetraka ty olombelo. Sady fa nameany tan-tananao teo azy biby ty baibo rey noho ty voro ty lanitsy, sady fa nanao anao ho mpanarivo amy raha iaby rey le. Iha ro loha ty sarivonga volamena.³⁹ Afara any le hisy fanjaka hafa raiky hitsanga ze ambany mandilatsy noho iha, fe ty fanjaka saba fahatelo le hanapaky amy ty kila tany iaby.⁴⁰ Le hisy fanjaka faha efatsy mafy, manahaky ty vy, safe ty vy mamaky azy raha hafa noho manapatapaky ty kila raha iaby. Mamotipotiky kila raha iaby rey sady mamotiky androzy.⁴¹ Araky ty hitanao, ty tombony noho ty tananny le vita baka amy ty votaky noketrehy noho ty vy ty ilany, le ho fanjaka ho voazara zay; ty ilany amy ty hery ty vy le ho amy zay, araky ty fa nahinao ty vy miharo tamy votaky malemy.⁴² Safe azy tombony rey le baka amy ty vy nanamboara ty ilany le votaky ty ilany, le hare ty fanjakailany le halemy ty ilany.⁴³ Manahaky ty vy nahitanao ty vy miharo amy ty fotaky malemy, le hiharo olo rey; tsy hiaraky hiegnny ndrozy, manahaky ty vy tsy miharo amy ty fotaky.⁴⁴ Amy ty andro mpanjaka rey, le hamitiky ty fanjaka ze tsy ho rava mihintsy, ndra ho azon'olo hafa azy Ndranahare ty lanitsy. Handrava azy fanjaka hafa rey zay sady hampiegny androzy iaby, sady le hipetraky mandrakizay zay.⁴⁵ Araky ty fa hitanao, nisy lafiambato raiky nanapaky vohitsy, fe tsy baka amy ty tanan'olom-belo. Nanapatapaky ty vy, saba, fotaky, volafoty, sady volamena zay. zaza nampahaiza Ndranahare bevata anao zay, lahy mpanjaka, ze hiboaky afaran'izay. To azy nofy zay le vatany atokisako ty fandika toy.⁴⁶ Nanondriky ty vatany tanatreha i Daniela teo i nebokadnezara sady nanaja azy; nandidy hananova fanday raiky ie sady ditin-kazo manitsy hasesy ho tiazy.⁴⁷ Hozao tiasa i mpanjaka tamy Daniela: "Le vatany Ndranaharinao ro Ndranahare azy Ndranahare rey, azy Tompoa ty mpanjaka rey, sady AZy mivola tyraha mivony, safe afaky manambara anizay raha mivony zay iha."⁴⁸ Bakeo nanovy ty mpanjaka nana voninahitsy anabo i Daniela sady nameany fanomezaka soasoaka. Nanoviny ho mpanapaky tamy ty faritsy ty tanin'i Babylona iaby ie. nanjary olo mahilala mare tiahy Babylona i Daniela.⁴⁹ Nanao fangataharaiky tamy mpanjaka i Daniela, le notinginy mpanjaka i Sadraka, Mesaka, le i Abednego mba ho mpandrindra amy ty faritsy Babylona eo. Fa Daniela avao ro nipetraky tamy lapa ty mpanjaka tao.

Chapter 3

¹Nanamboatsy sarivonga volamena i Nebokadnezara mpanjaka ze enimpolo hakiho ty halavany sady hakiho eny ty halavany. Nengany tamy ty tany melemy i Dora amy faritsy ty tany Babylona ao zay. ²Le nandefa hafatsy i Nebokadnezara mba hampivory miarakany amy governoram-paritany, azy governoram-paritsy rey, sady governoran tan-tana teo rey, mbamy azy mpanolon-tsay, azy mpitanjakay drala rey, azy mpitsara rey, azy mpahay lala rey, azy manam-boninahitsy ty faritany anabo rey iaby mba ho avy amy ty fitokana ty sarivonga ze fa namboariny.³Le niarakany nivory azy governoran-mparitany rey, azy governoram-paritsy, noho ty governoran tan-tana teo rey, niarakany tamy ty mpanolon-tsay, azy mpitanjaky drala rey, azy manam-boninahitsy ty faritany anabo iay rey mba ho avy amy ty fitokana ty sarivonga ze fa namboariny Nebokadnezara. Nitsanga taohan'izay eo ndrozy. ⁴Le nisy mpikabary nikoraky mare nanano hozo: "Didina nareo, olo lahy, ty firenena, nohoty fivolana samby hafa, ⁵fa amy ty fotoa haharenao ty feo ty anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa sady farara, noho ty kila raha meneno iaby, le tsy maintsy miondriky sady mandohaliky amy sarivonga volamena ze fa nantsanga i Nebokadnezara mpanjaka nareo. ⁶Nra ia ndra ia tsy miondriky le hanompo, amy zay fotoa zay mihintsy le hatoraky anay ty lafaoro mirehitsy mibelaky ao." ⁷Lafa nahare ty feo ty anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa sady farara, noho ty karazan-draha maneno iaby ty olo iaby, azy firenena, noho ty fivolana le niondriky le nandohaliky tamy sarivonga volamena ze fa natsangan'i Nebokadnezara mpanjaka teo. ⁸Le tamy fotoa io le nisy Kaldena avy sady nanday fanasara hanohitsy Jiosy rey. ⁹Hoasandrozy tamy Nebokadnezara mpanjaka: " Mpanjaka lahy! Ho velo zisiky amparany lahy iha! ¹⁰Iha, lahy mpanjaka, le fa nanao lala fa ty kila olo iaby ze mahare ty feo ty anjomara, soina, sitara, lokanga, harpa, sady farara noho ty karaza ty kila raha maneno iaby, le tsy maintsy miondriky sady mandohaliky amy sary vonga volamena eo. ¹¹Ndra ia ndra ia tsy miondriky noho manompo le tsy maintsy atoraky anay ty lafaoro mibelaky. ¹²Le misy amy Jiosy ze notingininao amy raharaha ty faritsy Babylona rey; ty anarandrozy le i Sadraka, Mesaka, le i Abednego. Azy lahilahy rey, lahy mpanjaka, le tsy nijanany anao. Tsy hivavaky na hanompo azy ndranaharinao ndrozy, ndra handohaliky amy sarivonga volamena ze namborinao." ¹³Le vatany nimeloky i Nebokadnezara, le nandiny ty hanandesana an'i Sadraka, Mesaka, noho i Abednego ho mabminy eo. Le nandesindrozy taloha ty mpanjaka teo azy lahilahy rey: " ¹⁴Hoasa i Nebokadnezara tamindrozy teo: " Fa nieritseritsy va nareo ry Sadraka, Mesaka, noho Abednego, fa tsy hanompo ndranahariko rey le handohaliky aloha ty sarivonga volamena ze fa natsangako? ¹⁵Sady lafa vono nareo--- lafa mahare ty feo ty anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa, le farafa, noho ty kila raha iaby maneno--- le hindriky noho handohaliky amy sarivonga volamena ze fa namboariko eo, le hilamy iaby ty kila raha. Fa laha tsy hanompo namreo, le vatany hatoraky anay ty lafaoro mibelaky ao. Ia ty ndranahare afaky hamonjy anareo an-tanako eo?" ¹⁶Namaly an'i Mpanjaka i sadraka, Mesaka, le i Abednego hoe: "Iha Nebokadnezara, tsy mila mamaly anao amy ze raharaha zay zahay. ¹⁷Laha misy valiny, le Ndranaharenay ze tompoinay ro afaky miaro anay amy lafaoro mibelaky, saddy hamonjy anay tsy ho an-Otananao eo Ie, lahy mpanjaka. ¹⁸Fa ndra tsy zay aza, le soa ho hainao, lahy mpanjaka, fa tsy hamnompo ty ndranaharenao zahay, sady tsy handohaliky amy sarivonga volamena ze fa natsanganao." ¹⁹Le vatany meloky i Nebokadnezara; niova tamy Sadraka, Mesaka, noho i Abednego ty tarehiny. Nodidiany fa tokony hafana im-pito mahamay mandilatsy noho ty hafanany mahazatsy ty lafaoro. ²⁰Le nandidy lahilahy matanjaky lako tamy lafiny tao ie mba hamehy an'i Sadraka, Mesaka, le i Abednego le hanoraky androzy anay ty lafaoro mibelaky ao. ²¹Mbo taminy teny ny saolotsy lavany ro nifehe, azy kapaotiny rey, azy satrokinany rey, noho ty fisikina hafa drozy, le natoraky tanay ty lafaoro mibelaky. ²²Safe henja ty fanariha ty baiko ty mpanjaka sady nimay mare ty lafaoro, le namono azy lahilahy ze nampiakatsy an'i Sadraka, Mesaka, noho i Abednego ty lelafo. ²³Azy lahilahy telo rey, Sadraka, Mesaka, le i Abednego, le niravoky tanay ty lafaoro mmibelaky ndrozy sady nifehy. ²⁴Le tseriky i Nebokadnezara mpanjaka le nitsanga malaky. Nanontany ty mpanolontsany manao hozo ie: " Tsy nifehy va ty nanorahatsika androzy telo lahy?" Le namaly ty mpanjaka ndrozy hoe: " Eka vatany, lahy mpanjaka." ²⁵Hoasany: "Nefa zaho mahita lahilahy efatsy tsy mifehy mikarikarioky anay ty afo ao, sady tsy namno ndrozy. Ty fipiraiy ty faha efatsy le manahaky ty anakay ty ndranahare." ²⁶Le nagnato ty lafaro mibelaky i Nebokadnezara le nikaiky mare hozo: " Ry Sadraka, Mesaka, noho i Abednego, mpanompo ty Ndranahare Anabo Mare, miboaha! Mandina atoy!" Le niboaky baka amy ty afo i Sadraka, Mesaka, noho Abednego. ²⁷Azy governoram-paritany rey, azy governoram-paritsy, azy governoran hafa, azy mpanolontsany ty mpanjaka ze niarakany nivory le nahitaky azy lahilahy rey. Tsy nampanino ty vatandrozy ty afo; tsy nimay ty volondohandrozy; tsy nisimba ty sikindrozy; sady tsy nisy fofon'afo taminy. ²⁸Hoasa Nebokadnezara: "Ndao tsika hanompo ty Ndranaharen'i Sadraka, Mesaka, noho Abednego, ze nandea ty irakiny sady nanome zao hafatsiny zao hoahy t mpanompony. Natoky AZY ndrozy lafa tsy nanenky ty baikiko, sady nahafiy ty vatandrozy tany hanompo noho handohaliky amy ze ndrananahare afa tsy Ndranaharendrozy. ²⁹Le manao lala zaho fe ze olo, firenena, ndra fivolana ze mivola manohitsy an'Dranaharen'i

Sadraka, Mesaka, noho Abednego le tsy mamntsy ho rava, le ty tranondrozy le tsy maintsy atao fako mivory safe tsy misy nadranahare hafa afaky manavotsy manahaky zao." ³⁰Le nampisondrotsy an'i Sadraka, Mesaka, noho Abednego tany faritsy ty tanin'i Babylona ty mpanjaka.

Chapter 4

¹Nandefa lily zao aminareo olo, azy firenenana rey, sady azy fivolana iaby ze nipetraky tanabo ty tany i Nebokadneza mpanjaka nanao hozao: " Hampitombo a aminareo lahy ty fiadana. ²Hoatsy soa amiko ty mivola aminareo azy famantara noho ty raha mahatseriky ze nanovy ty Anabo Mare tamiko. ³Bevata mare azy famantarany, sady mahare mare azy raha mahatserikiny! Fanjaka tsy mety tampitsy ty fanjakany, sady maharitsy baka amy ty tariha fara manimby ty fanapahany. ⁴Zaho Nebokadneza, le nipetraky tamin-kafalea tantranoko tao, sady nitea fahobia zaho tany lapako tao. ⁵Fe nampavaka ahy nofoko raiky. Lafa zaho niroro iny zaho, le nampikoronta ahy azy kisarisary noh ty fahita tan-dohako tao. ⁶Le nanome lily zaho ty hanandesa ty lahilahy ty babylona rey tamiko teo iaby ze mana fahaiza laha afaky handika ty nofy ho tiahy ndrozy. ⁷Le niavy azy ombiasy, azy mivola fa miresaky amy ty maty rey, azy olo mahilala, sady ay mpanandro. Nanamabara rey tamindrozy zaho, fa tsy afaky nandika anizay tamiko ndrozy. ⁸Lafa afarany nilitsy Daniela--- azy raiky nikaiha hoe beltesazara iny araky ty anara ty ndranahariko, misy ty fanahy ty ndranahare avao koa tanainy tao--- le nivola taminny azy nofiko zay zaho. ⁹Iha Beltesazara, ambiasibe, hainao fa aminao ao ty fanahy ty ndranahare masy sady tsy misy raha mivony ze sarotsy aminao avao koa. Volanao ahy za nihitako tanay ty nofiko tao sady inno ty dikanizay. ¹⁰Retia ibay ty fahita ze nihitako tan-dohako tao lafa zaho nandry tan-kitseliko tao: Nieritseritsy zaho, le nisy hazo raiky tanivo ty tany, le bevata vatany ty hahabon'izay. ¹¹Nihanitombo azy hazo iny le nanjaray mare. nanganiky ty lanitsy ty tendrozy, le afaky nahita anaizay baka amy ty kila tany iaby. ¹²Ty raviny le vatany soa, lako mare ty voany, le nisy hany hoahy ty kila raha anabo ty tany. Nahita fialofa tambanininy tao ty biby ly, le azy voro ty habakabaky rey le nipetraky tany tahony rey. nampihinanay baka amizay iaby azy kila raha miay iaby. ¹³Nahita taneritseriko tao zaho tany zaho niroro tampandreako, le nisy iraky masy raiky nijotso baka amy ty habakabaky. ¹⁴Nikoraky mare ie le nanao hozao: "Tapaho azy hazo iny le taaho ty tahony, aptaho azy raviny, le aparitaho azy voany rey. Enagho biby rey hilay baka ambaninizay sady azy voro rey hitily lavitsy ty tahony. ¹⁵Engaho ty fototsy ty fakany ho anay ty tany ao avao, feheo amy fehim-by noho ty saba, anivo ty ahitsy noho ty baibo. ngaho zay ho le ty ando ty habakabaka. ngaho zay ho velo miaraky amy ty biby amy ty folera amy tany eny. ¹⁶Engaho ty fieritseretany hiova fieritseretan;olo, le engaho ty fieritseretam-biby ro hamea azy zisiky maha fito tao. ¹⁷Zay fanam-pahan-kevitsy zay le baka amy ty lily ty fanatantera iraky. Fanapahan-kevitsy zay no nanoviny masy rey mba hahaza ty velo mahay fa manapaky heniky azy fanjaka ty olo ty Anabo Mare le namea androzy ho olo ze teany hennga amindrozy eo, ndra lahilahy ze farany manambany vatany aza. ¹⁸Zaho Nebokadnera , ro nanao aniazay nofy zay. Heneny zao iha, lahy beltesazara, Volano ahy ty dikany, safe tsy misy amy lahilahy mahalala ty fanjakako afaky handika anizay ho tiahy. Fa iha ro afaky manao anizay, safe aminao ao ty fanahy ty ndranahare masy. ¹⁹Le i Daniela ze nikaiha, ze nikaiha avao koa hoe Beltesazara, le nalahelo mare naharitsy fotoa tselatsela, le nanaity azy ty fieritreretany. Le hozao tiasa ty mpanjaka: " Iha Beltesazara, ka enga hanaity anano mihintsy ty nofy noho ty dikanizay." Namaly hozao i Beltesazara : "Tompoko lahy, engaho ho amy ze manaboka anao lahy ty nofy; hoahy ty fahavalonao ty dikan'izay. ²⁰Azy ze nihitanao iny---ze nihabe le nanjary mare, sady niavy an-danitsy any ty tendrony, le niazo nihentea baka amy ty fara ty tany iaby--- ²¹le azy raviny le vatany soa rey mihintsy, le vatany lako ty voany, mba hisia ty hany hoahy kila raha iaby amizay iaby amizay ao, sady ambaniny ao ty ahita ty biby ty baiboho fialofa, sady ipetraka ty voro ty lanitsy taminy tao--- ²²azy hazo zay le iha, lahy mpanjaka, iah ze nitombo ro vatany mahery. Nihanitombo ty habenao le nanakatsy ty lanitsy, le ty fanapahanao nahazo tany fara ty tany rey. ²³Iha, lahy mpanjaka, ro nahitaky ty iraky masy nijotso baka an-danitsy le nivla hozao: "Tapaho azy hazo iny le ravao zay, fe engaho ho amy ty tany ty fakany, feheo amy ty fehim-by noho saba, anivo ty akata malemy ty baibo. ngaho ho le ty ando baka an-danitsy any zay. ngaho zay ho velo miaraky amy biby ly ambaibo any rey zisky ty hiavia ty fito tao. ²⁴Zay ty dikany, lahy mpanjaka. ZXay ty lala ty Anabo Mare ze nahazo anao, lahy mpanjaka tompoko. ²⁵Hala amy ty olo iha, le hipetraky hiaro amy ty biby ly ambaibo any. Hampihinanay akata amanaky ty aomby iha, sady ho le ty ando baka an-danitsy any, le handalo fito tao zisky anenkeanao fa ty Anabo Mare ty manapaky amy ty fanjaka ty olo rey sady le ro manome androzy ho amy ty olo ze teany. ²⁶Manahaky ty nandidiany hanenga ty fakan-kazo, le amy zay fomba zay ty hanampoliana ty fanjakana ho aminao amy ty fotoa hahazao fa manjaka ty lanitsy. ²⁷Lafa zay, lahy mpanjaka, enagho torohevitsiko azo enkeny aminao. ngaho ty fanotana le manaova ty to. Mimpolia amy helokao rey amy ty fanehoa famindra-po amy azy mpanohitsy rey, sady zay le ho afaky hihitatsy ty fahasovananao. ²⁸⁻²⁹Niseho tany mpanjaka Nebokadneza raha iaby rey. Foo roamby vola tafara tatoy le nandeha atamy ty tafo ty lapany ta babylona tany ie, ³⁰le hozao tiasany: " Tsy Babylona bevata ava toy, ze natsangako hoahy ty toera ty fahasambarako, ho amy ty voninatsy ty hahabevatako?" ³¹Laha mbo tambava ty mpanjaka teo sava rey, le nisy feo baka an-danitsy any nanao hozao: "Iha Nebokadneza mpanjaka, fa nivolany taminao fa nala taminao zao fanjaka zao. ³²Ho roasay tsy ho

amy olo iha, le ty toera hipetrahano le hiaro amy ty biby ly ambaibo any. hampihinanay akata manahaky ty aomby iha. Haharitsy fito tao zisiky hampanenky anao fa ty Anabo Mare ro mpanjaka heniky ty fanjaka ty olo sady Ie ro manome androzy hoahy ty olo ze teany.³³ Zay lily nanohitsy an'i Nebokadneza zay le notanterahy tsy fangataha andro. Noroasy tsy ho amy olo eo ie. Nihina akata amanahaky ty aomby ie, le nile ty ando ty vatany. Nihalava manahaky ty baba ty voromahery ty volony, le nanjary manahaky ty voro rey ty hohony.³⁴ Tamy ty fiafara ty andro, zaho Nebokadneza, nampiantra ty masoko tamy lanitsy teny, le nimpoly tamiko ndraiky ty hadalako. "Manompo ty Anabo Mare zaho, sady manome voninahitsy any Azy ze mipetraky zisiky amparany zaho. Fa tsy mety tampitsy ty fanapahanany, maharitsy zisiky amy ty tariha fara mandimby ty fanjankany.³⁵ Tsy mino ndra ino ndra ino tamy ty mpipetraky tany iaby; manao ze mety amy ty sitrapony amy ty miaramila ty lanitsy noho ty mpipetraky amy tany Ie. Tsy misy afaky hampiegny Azy ndra fifanina aminy. Tsy misy afaky hivola azy manao hozao: 'Nanino Iha nanao hozao?'"³⁶ Tamy fotoa nimpoliana ty hagegeako avao tamino, le nimpoly tamiko ty voninahitsiko noho ty lazako ho amy ty voninahitsy ty fanjakako. Nahita ty sitrako azy mpanolontsay noho ty lahilahiko maeva voninahitsy. nandesy nimpoly tamy sieza fiadananako ndraiky zaho, le namea voninahitsy lekolako mandilatsy anizay zaho.³⁷ Zaho, Nebokadneza, le manompo manondrotsy, sady manome voninahitsy azy mpanjaka ty lanitsy iny henanizao, fa to asany rey, sady mahity ty lalany. Afaky manambany azy mandeha amy ty fiavonanvonany rey Ie.

Chapter 5

¹Nanao fanasa hoahy ty tan-dapa lahilahy arivo rey i Belsazara mpanjaka, sady nino divay taloha ty lahilahy arivo iaby rey teo ie. ²Lafa nanadra divay iny Belsazara le nanome baiko mba hanadeza jojobo vita baka amy ty volamena ndra volafoty ze nalain'i Nebokadneza babany tam-piangona i Jerosalema tao, zay tamizay teo ie, azy tan-dapany rey, noho ty valiny noho ty rafiny ro nino. ³Nangalaky falako volamena ze fa naboaby baka am-piangona ty tranon-dranahare ta Jerosalema tao azy mpanompo rey. le baka aminireo ty ninoma ty mpanjaka, azy tan-dapany rey, ty valiny noho ty rafiny. ⁴Nino divay ndrozy sady nanompo ty sampindrozy rey ze vita baka amy ty volamena noho ty volafoty, saba, vy, hazo, le vato. ⁵Tamy fotoa zay le nisy ratsa-tanan'olo niboaka taloha ty fisia ty jiro sady nanoratsy tamy rindry nolalora tan-dapa ty panjaka. Nahita ty ila ty tana i mpanjaka laha nanoratsy anizay. ⁶Le nivaliky ty tarehy ty mpanjaka sady nampavaka azy ty eritseritsiny; Tsy nahaleo azy ty tombony, le nialy ty pokopokony. ⁷Nikaiky mare ty komandiny ty mpanjaka mba hampilitsy azy mivola fa misy miresaky amy ty lolo, olo mahilala, sady azy mpisikily. Nivola tamy ty fa hay ty fahilala ta Babylona tao ty mpanjaka hoe: " Ndra ia ndra ia manazava soratsy io noho ty dikany le hampisikiny volomparasy zay sady hana ravaky volamena am-bozany eo. Hana ty fahefa ty mpanjaka faha telo anabo mare amy ty fanjaka ao ie." ⁸Le nilitsy azy lahilahy ty mpanjaka rey ze nihay amy ty fahalalany, fe tsy nahavita namaky azy soratsy iny ndra nanazava ty dikany tamy mpanjaka ndrozy. ⁹Tofotsy mare i Belsezara mpanjaka sady nivaliky ty endriky ty vatany. iso fanantena azy tan-dapany rey. ¹⁰Le nilitsy tamy trano fanasa tao ty ampela mpanjaka noho b ty raha nivolany mpanjaka noho ty tan-dapany. Le hozao tiasa ty ampela mpanjaka iny : "Ho lava velo lahy iha Mpanjaka! Ka enga hankadala anao ty eritseritsinao. Ka enga hiova ty endriky ty vatanao. ¹¹Misy lahilahy ze mana ty fanahy ty Ndranahare masy amy ty fanjakanao toy. Tamy ty andro ty babanao, le hita tamy ty fahazava noho ty fahazavan-tsary sady fahendrea manahaky ty fanendrea ty Ndranahare. Nebokadneza mpanjaka, mpanjaka babanao, nanao azy ho be ty ombiasy, sady be ty mpivola amy ty lolo, noho hoahy ty olo mahiran-tsary, sady tiahy mpisikily rey. ¹²Fanahy le vatany soa, fahalala, fanaranitan-tsary, fandika nofy, fanazava safa sarotsy sady famaha probolemon-drozy le ty haso rey le hita tamy lahilahy Daniela zay, ze nikaiha ty mpanjaka hoe Beltesazara. Le henanizao hampikaiha an'i Daniela le hovolany aminao ty dika ty ze voasoratsy." ¹³Le nandesy taloha ty mpanjaka eo i Daniela. Hozao tiasa mpanjaka taminy: " Iha va Daniela zao, azy raiky amy ty olo sisin-tany tiahy Joda, ze nandesy ty babako niala ta Joda tao. ¹⁴Fa nireko ty mmomba anao, fa aminao ao ty fanahin-ranahare, le ty hazava noho ty fahihiran-tsary noho fandrea le vatany soa le hita aminao ao. ¹⁵Fa nampira talohako teo mba hamaky azy soratsy io noho hampahay ahy ty dika ty lahilahy hay amy ty fahendrea noho azy ze mivola amy ty lolo, fe tsy nahavita nampahay ty dikan'izay ndrozy. ¹⁶Fa nahare zaho fa afaky manome ty fandika noho mamaha problemo iha. Ka laha hainao mamaly azy soratsy io noho mivola ty dikany amiko, le hampisikiny volom-parasy iha sady hasia ravaky volamena am-bozonao eo, sady hahazo fahefa mpanjaka anabo mare amy fanjaka eto iha." ¹⁷Le namaly taloha ty mpanjaka teo i Daniela hoe: " ngaho ho anao avao ty fanomezanao, sady omeo olo hafa ty fanomezanao. Ndra zay aza, le ho vakiako aminao azy soratsy iny, lahy mpanjaka, sady ho volaniko aminao ty hevitsiny. ¹⁸Ty aminao ,lahy mpanjaka, ty Ndranahare Anabo Mare nanome an'i Nebokadneza babanao ty fanjaka, ty fahalaza, laza ,noho ty voninahitsy. ¹⁹Baka amy ty fahalaza namean-ranahare azy, le nangitikitiky noho navaka azy ty olo iaby, ty firenena, le ty fivolana samby hafa. Namono ze teany ho vonoa ie, le nanengany ho velo ze teany ho velo ie. Nasondrotsiny ze teany, le nambaniany ze teany hambania. ²⁰Fa lafa nivonavo ty fony, sady nihamafy ty fanahiny mba hananovany ty raha sakiakiny, le nala taminy teo ty sieza fiadanana maha mpanjaka azy ie, sady nalandrozy ty voninahitsiny. ²¹Noroasiny tamy ty olombelo ie, nana saim-biby ie, sady iaraky niay tamy ty biroky ly ie. Nihina akata manahaky aomby ie. Le ty ando ty lanitsy vatany zsky h ahaizanny fa ty Ndranahare Anabio Mare ro manapaky amy ty fanjaka ty olo eo sady mitingy ze teany henga amizay eo ie. ²²Iha anakilahiny, Iha Belsezara le tsy nanambany ty fonao, ndra nahay kila raha iaby zay aza iha. ²³Fa nanondro-bata hanohitsy ty Tompo ty lanitsy iha. Baka an-tranonony tao ty nanandezanao ty filako ze ninomanao rey, azy tan-dapanao ao rey, azy valinao noho ty rafinao rey, sady naompo ty sampy vita baka amy ty volafotynoho volamena, saba, vy, hazo, sady vato --sampy zay tsy mahitaky, mahare, ndra mahay ndra ino ndra ino iha. Tsy nanome voninahitsy an-dranahare ze mitanjaka ty ainao an-tanany eo noho ty fahaiza ty lalanao iaby iha. ²⁴Sady Ndranahare nandefa tana baka amy ty fanatrehany le vita zao soratsy zao. ²⁵Ty safa voasoratsy le zao: ' Mene, Mene, Tekela, le Oparesina. ' ²⁶Zao ty vehiny: 'Mene,' Voahisakin-Dranahare ty fanjakanao sady nanday anizay hoamy ty fiafara Ie.' ²⁷'Tekela,' 'Lanja amy ty fandanja iha sady hita fa nihen-danja. ' ²⁸'Peresa,' 'Zara noho homea hoahinareo Mediana noho ty Persiana rey ty fanjakanao.' ²⁹Le nanome baiko i Belsazara, sady nampisky volomparasy an'i Daniela ndrozy. Napitiky tam-bozany teny ty ravaky volamena, sady nanao fanambara mikasiky azy ty hahazoa ty fahefa mpanjaka faha telo anabo mare tamy fanjaka teo ty mpanjaka. ³⁰Tamy haly iny,

le nimaty i Belsazara, mpanjakan'i Babyloniana, ³¹le i Dariosy azy medianana iny ty nandramby ty fanjaka laha tokony ho faha enipolo roa amby tao teo ie.

Chapter 6

¹Nahafaly an'i Dariosa ty nitingy ty governora 120 saky faritany heniky ty fanjaka ze hanapaky heniky ty fanjaka iaby. ²Nisy komandy bevata telo amindrozy, raiky tamizay i Daniela. Azy komandy bevata rey voatingy mba hanoriky maso azy governora saky faritsy, mba tsy ho maty antoky mpanjaka. ³Niavaky anabo ty komandy bevata hafa azy governora iasam-paritsy i Daniela safe nana fanahy miavaky ie. Nanao hevitsy ty hanenga azy heniky ty fanjaka iaby ty mpanjaka. ⁴Bakeo azy mpitanjaky raharaha bevata hafa rey noho ty governora isam-paritany nila hadisoa tamy ty asa nanovin'i Davida hoahiny fanjaka, fe tsy nahita kolikoly ndra tsy fahasoava tamy ty asany ndrozy safe natoky ie. Tsy nisy fahadisoa ndra tsy fidaria hita taminy. ⁵Le hoasa ty lahilahy rey: "Tsy mahita antony tokony hitoreova Daniela toy zahay lafa tsy hoe ahita raha manohitsy azy araky ty lalandrahariny zahay." ⁶Le nanday hevitsy taloha ty mpanjaka teo azy mpitanjaka raharaha noho governora rey. Hozao tiasandrozy taminy: "Iha Dariosa mpanjaka, ho velo mandrakizay lahy iha!" ⁷Azy mpitanjaky raharaha bevata iaby tamy fanjaka ao, azy governora isam-paritsy rey, azy mpanome hevitsy, sady azy governora le niaraky nivory sady nanapa-kevitsy fa iha, mpanjaka, le tokony hamoaky lily sady hanamafy anizay, ka ndra ia ndra ia manao famorian-tsonia amy ndranahare iaby ndra olombelo zisiky telopolo andro, mandilatsy anao, lahy mpanjaka, le tsy maintsy atoraky an-davaky ty liona azy olo zay. ⁸Henanizao, lahy mpanjaka, manaboaha lily sady soniavo ty taratasy mba hanova anizay, araky ty voaingy ty lala Mediana noho Persiana, le tsy afaky ho foana zay." ⁹Le nosiniavin'i Dariosa mpanjaka ty taratasy namaliha azy lily ho lala. ¹⁰Lafa hain'i Daniela fa voasonia ho lala azy taratasy, le nandeha tan-tranony tany ie (le nivoha ty lafenetiny tanefitsy anabo nifanarikitsy tamy Jerosalema), sady nandohaliky ie, manahaky ty fanaony in-telo anaty andro raiky, sady nivavaky noho nisaotsy an-dranahariny ie, manahaky ty fataony taloha. ¹¹Bakeo azy lahilahy niaraky nanao hevitsy raty nahita an'i Davida rey nanao fangataha noho nila fanampea baka amy Ndranahare. ¹²Bakeo ndrosy nagnato an'i mpanjaka sady nivola taminy mikasiky ty liliny manao hozao: "Tsy nanao lily va iha fa ze manao sonia iaby amy ndranahare iaby ndra olombelo maharitsy telopolo andro manaraky, hafa tsy iha, lahy mpanjaka, le tsy maintsy atoraky andavaky ty liona?" Namaly hozao ty mpanjaka: "Voapitiky ty raharaha, araky ty voaingy ty lala Mediana nnoho Persiana; tsy afaky fahatanitany zay." ¹³Le namaly ty mpanjaka nanao hozao ndrozy: "Azy Daniela zay, azy raiky baka amy ty olo natao sisin-tany ta Joda rey, le tsy midary anao, lahy mpanjaka, ndra ty lily ze nosiniavin'ao. Mivavaky amy ndranahariny in-telo ie anay ty andro raiky." ¹⁴Lafa nahare anizay ty mpanjaka, le vatany niferinay ie, sady nieritseritsy hanavota an'i Daniela amy ty fanapahany. Niasa zisiky ty tsofity andro ie mba hiezaky hanavota an'i Daniela. ¹⁵Bakeo azy lahilahy ze nanao hevitsy raty rey nivory niaraky tamy mpanjaka sady nanao hozao tainy: "Hainao, lahy mpanjaka, fa lala ty Midiana noho Persiana zay, sady tsy afaky ova ty lala ndra lily ze nanovy mpanjaka." ¹⁶Le nanome baiko ty mpanjaka, le nandesindrozy nilitsy i Daniela, le natorandrozy tanay ty lavaky ty liona ie. Hoasa mpanjaka tamy Danieala: "Hanavotsy anao lahy, ty Ndranaharenao, ze tompoanao saky sanandro." ¹⁷Nisy vato nandesiny tamy filira mbamy lavaka any, le nanisy tampo anizay tamy ty perany ty mpanjaka noho tamy ty peratsy ty fanaova tampo ty mpanjakany rey mba tsy hiova ty momba an'i Daniela ie. ¹⁸Bakeo nandeha tamy lapany tany ty mpanjaka le nifaly hany tamy halininy. Tsy nisy fisa nandesy talohany teo, sady tsy lentin-droro ie. ¹⁹Bakeo lafa maraindraindray biby ty mpanjaka le nandeha malaky tandavaky ty liona. ²⁰Lafa nariniky ty lavaky ie, le nikaiky an'i Daniela tamy feo mahaferinay, nanao hozao tamy Daniela: "Daniela lahy, mpanompo ty Ndranahare velo, tsy afaky namonjy anao tamy liona rey va ty Ndranaharenao, azy tompoanao saky sanandro?" ²¹Le hoasa i Daniela tamy mpanjaka: "Mpanjaka lahy, ho velo mandrakizay iha! Fa nandefa ty mpanday hafatsiny Ndranahare sady nanakombo ty vava ty liona, sady tsy nandratsy ahy ndrozy. Fa tsy misy hakeo talohany teo zaho noho taminao avao koa, lahy mpanjaka, sady tsy anao raty anao zaho." ²³Bakeo le vatany faly mare ty mpanjaka. nanome baiko hampiakaran-drozy an'i Daniela baka an-davaky tao ie. Lafa zay le nampiakary baka an-davaky tao Daniela. Tsy nahita ratsy taminy, safe natoky an-dranahareny ie. ²⁴Nanome baiko ty mpanjaka, le nandesy azy lahilahy ze nanasara an'i Daniela rey le natorandrozy tanay ty lavaky liona—ndrozy noho ty anandrozy, sady ty valindrozy. Aloha ty niavaindrozy tamy tany, le naharesy androzy ty liona sady namotiky ty taolandrozy iaby. ²⁵Bakeo Dariosy mpanjaka nanoratsy tamy olo iaby, azy firenena rey, sady ty fivolana ze nisy tamy tany iaby manao hozao: "Hampitombo amina lahy ty fiadana." ²⁶Zao zaho le manao lily fa amy ty fanapaha iaby amy ty fanjakako le mangitikitiky noho mavaka anatreha ty Ndranaharen'i Daniela ty olo, safe le ty Ndranahare velo noho miay mandrakizay, sady ty fanjakany e tsy tokony ho rava; ty fanapahany le tokony ho zisiky amparany. ²⁷Miaro antsika noho manafaky antsika le, sady manao famantara noho fahatsereha an-danitsy noho an-tany eto le; niaro an'i Daniela ho avotsy tamy ty heriny liona le." ²⁸Lafa zay le nambiny naharitsy ty fitondrany i Dariosa noho naharitsy ty fitondran'i Kyrosy azy Persiana i Daniela.

Chapter 7

¹Tamy ty veloha ty taon'i Belsazara mpanjakan'i Babylonia, le nanonofy noho nahazo fahita tan-dohany tao i Daniela lafa niroro tan-kitreliny tao ie. Bakeo le nanoratsy ze nihitany tamy nofiny tao ie. Nanoratsy ty raha niseho bevata mare ie: ²Nanazava hozao i Daniela: " Tanay ty fahitako tamy haly le nahita rivotsy ty lanitsy efatsy zaho le nampiehetsiky ty riaky bevata. ³Biby efatsy bevata samby hafa karaza iaby, ro niakatsy baka amy riaky tao. ⁴Azy raiky velohany le manahaky ty liona fa mana elatsy voromahery. Laha nagnety zaho, tataky elatsiny rey sasdy niala abaka amy tany zay le nitsanga tamy tombony roe, manahky ty liona. ⁵Bakeo le nisy biby faha roe, manahaky ty bere, sady niondriky zay; nanao taolan-teheaza telo anelanela ty hiny noho ty vavany zay. Nivolany hozao zay: " Mifohaza sady homana olo lako. ⁶Tafaranizay le nagnenty ndraiky zaho. Nisy biby raiky hafa, raik manahaky ty leoparda. tamy lambosinnizay eo le nisy elatsy efatsy manahaky ty elatsy ty voro, sady nana loha efatsy zay. Namea fahefa hanapaky zay. ⁷Tafaran'izay le nahita biby faha efatsy tanay ty nofiko tamy haly zaho, nampihorohoro, nampavaka, sady le vatany natanjaky. nana hy vy bavata ie; nitely anizay, namotipotiky, sady nanitsakitsaky ze tavela tamy tambony. Zay le tsy misy manahaky ty biby hafa, sady nana tsifa folo ie. ⁸Lafa nieritseritsy tsifa rey zaho, le nagnety sady nahiata tsifa hafa mitiry amizay eo, tsifa kely raiky. Ty telo amy tsifa velohany le niboaky baka amy ty fakany. Nahita maso manahaky ty mason'olo tanay tsifa io zaho sady vava ze nisengisengy mikasika raha bevata rey. ⁹Lafa nagnety zaho, le nioetraky tamy ty polasiny azy sieza fiadanany rey, sady Andro taloha ro nangalaky ty fipetrahany. Foty manahaky ty ora ty nitsy ty sikiny, le ty volon-dohany le manahaky ty volon'aondry tsy miharo. Lelafo ty sieza ty fiadanany, sady azy larony rey le afo mirehitsy. ¹⁰Nivarimbary niboaky baka talohany ty loharanon'afo teo; an-tapitsisany ro nanompo azy, sady zato tapitsisa ro nitsanga talohany teo. Nivory ty fitsara, sady nivoha azy boky rey. ¹¹Mbo nagnety avao zaho noho ty firengerengea ty safa nivolaniny tsifa rey. Tamy zaho mbo nagnenty igny le nivonoa biby iny, sady nipoteha ty vatany, le nasesy mba ho oroa zay. ¹²Le ty ambiny tamy biby efatsy rey, le nala ty fahefandrozy rey hanapaka, fe nohalava ty hiveloman-drozy. ¹³Tanay ty fahitako tamy haly iny, le nahita olo raiky niavy naraky tamy raho ty lanitsy rey manahaky ty anak'olom-belo zaho; niavy tamy andro Taloha rey ie sady naboakiny talohany teo. ¹⁴Namea azy ty fahefa hanapaky noho ty voninahitsy sady hery fiadanana mba hanompo azy tyolo iaby, azy firenena rey, sady fivola samby karazany rey. Ty fahefany hanapaky le fahefa mandrakizay ze tsy ho rava, sady ty fanjakany le azy tsy ho rava mandrakizay. ¹⁵Laha ty amiko, Daniela, le miferinay anaiko ato ty fanahiko, sady azy fahita ze nihitako tan-dohako tao le mampangitkitiky ahy. ¹⁶Nagnato tamy raiky nitsanga tany rey zaho sady nagataky taminy mba hampanenteany ahy ty dika raha rey zaho. ¹⁷Azy biby bevata rey, lafa hisafy le efatsy, le mpanjaka efatsy ze hisondrotsy baka a my ty tany. ¹⁸Fa azy olo masy ty azy Anabo Mare le handramby fanjaka, sady hana zay ho hanagna zisiky amparany ndrozy. ¹⁹Sady te hahay lakolako mikasiky azy biby faha eftsy zaho--- le vatany hafa amy azy ilany rey zay sady le vatany mampavaka mihintsy amy azy hiny vy noho ty hoho saba; mitely zay, mamotipotiky, sady ze avela le hitsakitsahany amy ty tombony. ²⁰Te hahay azy mikasiky ty tsifa folo an-dohany rey zaho, sady mikasikyazy tsifa hafa ze mitobo, sady nisy tsifa telo nilatsy talohany teo. Te hahay mikasiky ty tsifa ze mana maso sady mikasiky azy vava zay mirenngirengy mikasiky raha bavata rey zaho sady hoatsy bevata mandilatsy ty namany rey zay. ²¹Laha nagnety zaho, io tsifa io le mikarama an'aly manohitsy ty olo masy sady naharesy androzy ²²zisiky hiavia ty Andro Taloha, sady ty ha-to le namea ty olo masy Anabo Mare. Bakeo le niavy ty fotoa lafa nandramby ty fanjaka azy olo masy rey. ²³Zao ty nivolaniny ty olo: ' Laha amy azy biby faha efatsy iny , ho fanjaka faha efatsy amy ty tany zay ho hafa amy azy fanjaka hafa iaby rey zay. Hitely ty bolokon-tany iaby zay, hanitsaky noho handrava azy ho potipotiny. ²⁴Lafa amy ty tsifa folo rey, mpanjaka folo ro hisontsy amy fanjaka io, sady raiky hafa ro hisondrotsy afarandrozy ry. HO hafa amy azy taloha ry zay, sady handresy ty mpanjaka telo rey ie. ²⁵Hivola ty safa hanohera ty Anabo Mare ie sady hampijaly ty olo masy Ndranahare Anabo Mare. Hiezaky havofa ty fankalaza noho lala rey nie. Azy raha rey le homea an-tanany eo maharitsy tao raiky., roa tao, noho antsasaky ty tao. ²⁶Fa hivory ty fitsara, le hanngalaky ty hery ty fianadanana mba ho simba noho ho rava amy ty farany any ndrozy. ²⁷Ty fanjaka noho ty fanapaha, sady ty habe ty fanjaka zay ambany ty lanitsy iaby le hamea ty olo ze amy ty olo masy any azy Anabo Mare. Ty fanjaka le fanjaka maharitsy mandrakizay, sady azy fanjaka hafa iaby ry le hanompo noho hanoriky azy. ²⁸Toy ty fara ty raha hiseho. Laha ty amiko, Daniela, nanaitsy ahy vatany azy eritseriko rey sady nivaliky ty endriky ty tarehiko. Fa notanjakahako ho tiahy raiky avao raha rey."

Chapter 8

¹Tamy tao faha efatsy nanjakan'i Belsezara Mpanjaka, zaho, Daniela, le nisy fahita niboaky tamiko (tafara azy raiky niboaky tamiko tamy velohany iny). ²Hitako tamy azy fahita iny, lafa nagnenty zaho, le tanay ty fiaraova mare ty Sosana tamy faritsy tanin'i lama zaho. Hitako tamy azy fahita zay tao fa nanatriky ty kanalin-drano Olay zaho. ³Nagnenty anabo zaho le nahitaky aondry lahy niaraky tamy tsifa roe talohako teo zaho, nitsanga tanila ty kanalin-drano. Ty tsifa raiky le vatany lava tany ty ilany, fa azy raiky lavalava nihabe tsikelikely tany azy raiky fohifohy sady nandilatsy ty halavan'izay. ⁴Nahita azy aondry lahy nilay mba andrefa iny, baka mba avaratsy, sady bakeo mba antimo zaho; tsy nisy biby hafa afaky nitsanga talohany. Tsy nisy tamindrozy afaky namonjy ze hiala tan-tanany tao. nanao ze teany iaby ie, sady le vatany niha be. ⁵Laha nieritseritsy anizay zaho, le nahitaky aosy lahy niavy baka andrefa, ze nandeha heniky ty habe ty tany iaby, nilay mare, ohatsy tsy manitsaky tany. Nana tsifa lava tanelanela ty masonry azy aosy iny. ⁶Nandeha amy aondry lahy ze nana tsifa roe iny teo ie--- nahita ty aondry lahy nitsanga teo amy sisiny ty kanalin-drano zaho--- le nilomay ho amy aondry lahy eny ty amy ty heloky mare ty aosy. ⁷Nahita ty aosy nanariniky ty aondry lahy zaho. Nimeloky mare tamy aondry lahy ie, le namango ty aondry lahy le nammotiky ty tsifany roe. Tsy ampy hery azy aondry lahy iny mba hitsanga hanatriky azy. Azy aosy iny nandavo azy tamy ty tany le nanitsakitsaky azy. Tsy nisy afaky namonjy azy aondry lahy iny tamy ty heriny. ⁸Niha bevata azy aosy iny bakeo. Fa lafa niha natanjaka ie, le vaky azy tsifa lava iny, le tamy fipetrahanany iny le nisy tsifa lava efatsy hafa nitombo zay nitondro manandrify ty tsioky efatsy ty lanitsy. ⁹Nisy tsifa hafa nitiry, kely tamy ty velohany, fa nanjary bevata vatany tan-timo tany, tan-tinana, sady tamy tany ty hasoava. ¹⁰Le nanjary bevata avatany zay manahaky ty hilatsaha ty miaramila amy ty aly amy miaramila ty lanitsy. Ty ilany tamy miaramila zay noho ty ilany tamy kintana le naravoky tamy tany, sady nanitsakitsaka androzy rey zay. ¹¹Nanao ty vatany manahaky ty be ty miaramila ie, sady nangalaky tamyiny ty soro horoa tsy ankienny zay, sady voaloto ty fitoera masy. ¹²Noho ty fitea aly, le hamea ty tsiafa aosy ty miaramila, sady henga ty fanday horoa. Haria ty tsifa amy tany ambany ty fahamarina, sady hahazo hasoava amy ze hanovony zay. ¹³Le nahare masy nivola zaho le azy raiky masy hafa namaly azy: "zisiky nombia ty nahareta ty raha rezao, ty fahita mikasiky ty fanday horoa io, ty fahota ze manday fandrava ty fanjaka amy fitoera masy eo, sady ty miamila ty lanitsy ze nihitsakitsahy?" ¹⁴Hozao tiasany amiko: ;; Haharitsy 2300 haly noho maray zay. Afaranizay le henga soa ty henga soa ty fipetraha masy. ¹⁵Lafa nahita fahita, zaho, Daniela, le niezaky hahay anizay zaho. le nisy raiky manahaky ty endrik'olo nitsanga talohako teo. ¹⁶Nahare feon-dahilahy nikaiky tanelanela ty sisiny ty kanalin-drano Olay teo zaho. Hozao Tiasany: "Iha Gabriela, ampeo lahilahy io hahay ty fahita." ¹⁷Le narikitsy ty fitsanganako tro ie. Lafa niavy ie, navaka zaho sady nampiondriky ty vatako tamy tany. Hozao tiasany tamiko: "mahihira, iha anak'olo, fa ty fahita le ho amy ty fara ty fotoa." ¹⁸Lafa nivola tamiko ie, le lentin-droro mare zaho miaraky amy ty vatako amy tany. Le nitsapa ahy ie sady nampitsanga ahy. ¹⁹Hozao tiasany: "Ingo, hatoroko anao ze hoavy afara any fanameloha, safe ty fahita le miaksiky ty fotoa voatingy ho amy farany." ²⁰Fa ty rameva ze nihitananao, azy nana tsifa roe iny--- rey ty mpanjaka ny Mediana noho Persia. ²¹Azy amby lahy le mpanjakan'i Grisina. Ty tsifa lava tanelanela masonry rey ro mpanjaka velohany. ²²Laha amy azy tsifa ze nitampaky tambaliky teo ze niboaha ty efatsy hafa--- hisy fanjaka efatsy hiboaky amy fireneny, fa tsy amy heriny bevata. ²³Amy fotoa farany amy fanjaka rey, lafa hahatratsy ty fetsiny azy mpamaliky rey, le hisy mpanjaka ho meloky, le vatany manan-tsany, hitsanga. ²⁴Le vatany bevata mare ty fahatanjahany--- fa tsy amy fahatanjahany manoka. Ho tseriky amy ze ho ravany ie; hiasa ie le vango. handrava olo lako mahery ie, olo ze amy ze masy. ²⁵Amy alala ty famerevereanany ro hananovany ty verivery soa ambany ty taniny. Ho avy bevata may eritseritsiny avao zay. Handrava olo lako tsy ampoizy ie. Hitsanga ie ndra hanohitsy ty mpanohitsy ty mpanjaka azy mpanjaka rey aza, sady ho rava ie, fe tsy amy alala ty tanan'olom-belo. ²⁶Ty fahita mikasiky ty haly noho ty maray ze fa nivolany le to. Fa asio tampo ty fahita, fa mitondro andro lako amy ty hoavy zay. ²⁷Le zaho Daniela, le vozaky le niroro nalemy naharitsy maromaro andro. Sady nifoha zaho, le nandeha tamy ty raharaha ty mpanjaka. Fe mangaroharo tamy ty fahita zaho, sady tsy nisy raik le nahay anizay.

Chapter 9

¹Dariosy le anakilahin'i Ahasoerosy, tarihan'i Mediana. Ahasoerosy ro fa natao mpanjaka tamy faritsy Babyloniana. ²Le tamy veloha tao nanjakan'i Dariosy, zaho Daniela, nianatsy ty boky atsiky ty safan'i Yaveh, safa ze fa niavy tamy jjeremia mpaminany. Nandiniky zaho fa tokony nisy fitopolo tao baka amy nanengany any Jerosalema. ³Natoliko tamy Tompo Ndranahare ty vatako, maba hila AZy amy fivavaha noho fabgataha, amy fifalian-kany, Fisikina lamba fisaona, sady fipetraha amy lavenoky. ⁴Nivavaky tamy Yaveh Ndranahariko zaho, sady nanao fanenkea hadisoa tamy fahotatsika rey. Hozao tiasako: " Tompoo ---Iha ro bevata sady Ndranahare mahatseriky--- Iha azy toka mitandry ty fanenkea sady matoky amy fitiava azy tea anao rey noho midary ty lilinao. ⁵Fa nanota zahay sady fa nanao ty tsy mety. Fa nanao fitondran-tena raty noho nialy zahay, niala tamy lilinao noho ty fitsipikinao. ⁶Tsy nijanjy mpaminany mpanomponao ze nivola tamy anaranao tamy mpanjakanay zahay, azy mpitariky anay rey, azy razambenay rey, sady azy olo ty tany iaby. ⁷Iha, lahy Tompo, ty fahamarina. Fe, ho ahinay henaninio, ty henatsy amy ty vatanay--- ho ahin'y olo i Joda noho ze mipetraky a Jerosalema, sady hoahy ty Israely ibay. Anilan'izay ze anila noho ze lavitsy rey sandraky amy ty tany iaby ze nampandinanao androzy rey. zay le noho ty verivery bevata ze nanovinay hanohitsy Anao. ⁸Ho ahinay, lahy Yaveh, amy vatanay eo ty henatsy--- ho ahy ty mpanjakanay rey, ho ahy benay rey, sady hoahy razambenay rey--- safe fa nanota taminao zahay. ⁹Tiahy Tompo Ndranaharenay ty fiferinesa noho ty fanenga ty fahadisoa , fe efa nanaboka hanohitsy Azy zahay. ¹⁰Zahay le tsy nanenky ty feon-Ndranaharenay tamy ty fandehana araky ty lalany ze nameany anay tamy ty alala ty mpaminany mpanompony rey. ¹¹Ty Israely iaby le nandika ty lalanao le niala, tsy nanenky tsy hanoriky ty feonao. Ty ozo noho ty fiaina ze voasoratsy amy lala ty Mosesy ao, ty mpanompo Ndranahare, fa najotso taminay, safe fa nanota taminy zahay. ¹²Yaveh fa nanamafy ty safa ze nivolaniny manohitsy antsika noho manohitsy fitsipiky tamitsika teo, tamy fanandesa loza tamitsika teo. Fa tsy nisy raha vita azo ampitovia tamy natao Jerosalema tambany ty lanitsy iaby. ¹³Araka ty voasoratsy a my lalan'i Mosesy, ro hiavia ze loza iaby ze amitsika, fa mbo tsy hangataky ty famalozam-po baka amy yaveh Ndranaharinay tamy fiala tamy hadisoanay noho hahitanay ty fahamarinanao zahay. ¹⁴Ka lafa zay le nohajarian'Yaveh ho vono ty loza sady fa nandesiny taminay eo zay, safe Yaveh Ndranaharinay le vatany to amy ty asa iaby ze ataony, fe mbo tsy nanoriky ty feony avao zahay. ¹⁵Iha, Tompo Ndranaharenay lahy, nandesinao nihoaky baka amy tany gypa ty olonao tamy tana mahery, sady fa nanao anara malaza hoahy ty vatanao Iha, manahaky zao andro henaninio zao. Fa mbo nanota avao zahay; fa nanao raha raty. ¹⁶Iha Tompo, noho ty asanao to, le enganie ty helokinao noho ty siakinao hiala amy Jerosalema tananao, azy vohitsy masy. Fa noho ty fahotanay, noho ty hadisoa ty razanay, le nanjary fahafaham-baraky hoahy ze manodidy ahinay i Jerosalema noho olonao rey. ¹⁷Henanizao, lahy Ndranaharinay, mijanjina ty vavaky ty mpanomponao noho ty fangatahany ty famalozam-po; fa noho iha, Tompo o, ampipiriahao amy fipetrahanao masy eo ze rava ty tarehinao. ¹⁸Ndranahareko lahy, vohao ty sofinao; ampanenteo ty masonao le manentea. Fa simba noho rava zahay; henteo ty tana ze nikaiha baka amy ty anaranao. Tsy mangataky ho amy ty fanampeanao zahay noho ty hatonay, fa noho ty fiferinesanao bevata. ¹⁹Nao lahy Tompo, mijanjina! Nao lahy Tompo,engaho ty fahadisoa! nao lahy Tompo, mijanjina le hihetseha! Noho baka aminao manoka, ka ela, lahy Ndranahareko, fa ty tananao noho ty olonao le kaiha amy ty anaranao." ²⁰Laha mbo nivola zaho--- nivavaky noho nanenky ty fahadisoako noho ty fahadisoa ty Israely oloko, sady nahare ty fangatahako tanatrehan'Yaveh Ndranahareko ho ahy ty vohitsy masy ty Ndranahare--- ²¹laha mbo nivavaky , azy lahilahy Gabriela iny, ze nihitako tamy fahita velohany, nitily tamiko teo tamy fitilina le vatany malaky mare, tamy haly fotoa ty fanday. ²²Nanome fahalala ho tiazy le sady nanao hozao: "Iha Daniela, avy hanome fahaiza ho ahinao zaho zao. ²³Lafa iha nanomboky nangataky famelan-keloky iha, le namea ty baiko le avy zaho hivola amainao ty valiny, fa iha le vatany teany. Lafa zay le tiarovo avao safa zao sady takaro ty fanambara. ²⁴Fitopolo fito amby tao ro nodidia hoahy ty olonao noho ty tananao masy mba hampiegnena ty fahadisoa noho hampiegnena ty fahota, hanohera ty faharatia, sady hanandesa ty haton mandrakizay, mba hanatanteraha ty fahita, sady hanamasina ty fitoera masy ty fipetrha masy mare. ²⁵Eritsereto sady fantaro fa baka amy ty fiboaha ty baiko ro hanampoliana tamy polasiny noho hanamboara ndraiky an'i Jerosalema ho tiahy ty fiavia azy voahosotay (ze ho mpitariky), hisy fito impito noho enimpolo roe amby impito. Hamboary amy lala noho lavaky ndraiky i Jerosalema, ndra eo aza ty fotoam-pijalea. ²⁶Afaky enipolo roe amby impito amy ty tao, azy nohosora iny le ho rava sady tsy hana ndra ino ndra ino. Ty miaramila ty mpanapaky ze ho avy le handrava ty tana noho ty fipetraha masy. Ty fiafaran'izay le ho avy miarakany amy ty tondra-drano, le hisy aly, eka fa ndra amy ty farany aza. Fa voadidy ty fandrava. ²⁷Hanamafy fenenkea amy ty halakoa ty fito raiky ie. Amy fisasaha ty fito le hampiegnny ty sorony noho ty fanday Ie. Amy ty elatsiny ty fahavetaveta ro ho avy ty olo ze hanao fandrava. Le ty vatany fahatampera noho ty faharava iaby le nanambara fa haily amy ze mpandrava."

Chapter 10

¹Tamy tao faha telo nanjaka i Kyrosy mpanjakan'i Persia, le nisy hafatsy nambara tamy Daniela, ze nikaiha hoe Beltesazara avao koa. Hafatsy to zay. Zay le mikasiky ty aly bevata. Nihain'i Daniela hafatsy iny lafa nahazo faharanitan-tsay baka amy fahita ie.²Tamy andro zay, le zaho Daniela, le nisaona naharitsy ty herinandro telo.³Tsy nihina hany soa zaho, tsy nihina hena mihintsy, sady tsy nilemy menaky tamy vatako zisiky hivita ty telo herinandro manontolo.⁴Tamy faha roapolo efatsy amby vola, zaho mbo tanila ty rano bevata teo iny (ohatsy hoe, Hedekela),⁵niandra zaho le nahitaky lahilahy nisafotsy lamban-drongony miaraky amy fehin-kibo vita baka amy volamena tsy miharo baka a Ofaza mihodidy ty valahiny.⁶Ty vatany le manahaky topaza, le ty tarehiny le manahaky ty hazava. AZy masonry rey manahaky jiro mirehitsy, sady sandriny noho tombony rey manahaky ty saba manganohano. Ty feony le manahaky ty feon'olo lako mare.⁷Zaho, Daniela, raikyro nahita fahita, fa ty olo ze tamiko teo le tsy nahita ty fahita. Ndra izay aza, niavy tamindrozy tamindrozy rey teo horohoro bevata, sady nilay namony ty vatany ndrozy.⁸Le zaho raiky avao ro sisa teo sady nahita azy fahita bevata. Tsy nisy hery nipetraky tamiko tao; nihasimba noho nihamainty ty tarehiko.⁹Le nahare safany rey zaho--- sady lafa nahare androzy rey zaho, le nilentin-droro mare zaho le tamy tany teo ty tarehiko.¹⁰Nisy tana nitsapa ahy, sady nampangitikitiky ty pokopokoko noho ty lelen-tanako.¹¹Nivola tamiko hozao ty anjely: "Iha Daniela, lahilahy nirengerengea mae, fantaro azy safa ze nivolaniko taminao rey. Mitsangana mahity, safe nirahy ho aminao atoy zaho." Lafa baka nivola hafatsy zay tamiko ie, le tamy fangitingitiha ro nitsanganako.¹²Le hozao tiasany tamiko: "Ka mavaka, iha Daniela. Nanomboky tamy velohan'andro nahaizanao anizay tan-dohanao tao sady nambanianao vata talohan-Dranaharinao, le fa re ty safanao , noho ty safanao le niavy zaho.¹³Ty mpanjaka amy fanjaka Persia ao nanohitsy ahy, sady niampy ty mpanjaka i Persia zaho naharitsy roapolo raiky amby andro. Fa i Mikaela, raiky amy ty mpanjaka bevata, ro niavy nanampy ahy.¹⁴Henanizao niavy zaho hagnampy anao hahay ze hahazo ty olonao amy ty andro farany. fa ty fahita le mbo ho amy ty andro ho avy."¹⁵Lafa nivola tamiko tammy fampiasa safa rey ie, natoliko tamy tany ty vatako sady tsy afaky nivola zaho.¹⁶Nitsapa ty soniko azy olo raiky ze manahaky ty anakin'olo, sady namoha ty vavako zaho le nivola taminy azy nitsanga talohako teo zaho manao hozao: " Iha Tompoko, noho ty fahita le anay ty fahoria zaho; tsy misy hery tavela amiko ato.¹⁷Mpanomponao zaho. Manao akory va ty hahazako miresaky amy tompoko? Fa henanizao zaho sy manan-kery, sady tsy misy ay tavela anaiko ao."¹⁸Nitsapa ahy ndraiky azy nangalaky tarehin'olo sady nampahery ahy.¹⁹Hozao tiasany: " Ka mavaka, iha lahilahy ze nirengerengea mare. Fiadana lahy ho tiahinao! Mahatanja zao, mahatanjaha!" Laha ie mbo niresaky tamiko iny, le nahery zaho. Hozao tiasako: "ngaho ty tompoko ro hivola, fa nampahery ahy iha."²⁰Le hozao tiasany: " hinao va fa manino zaho ro niavy taminao tetoy? Mbo ho avy hialy amy mpanjaka i Persia zaho. lafa maneha zaho, le ho avy koa ty mpanjaka i Grisias.²¹Fe hambarako aminao ze voasoratsy amy boky ty to ao. Tsy misy olo hanatoro ty fahatanjahany ty vatany amiko mba hanohitsy ahy ndrozy, laha tsy Mikaela mpanjakanareo.

Chapter 11

¹Tamy tao velohany nanjakan'i dariosy medina, le vatany zaho mihintsy ro niavy hiaro an'i Mikaela. ²Hambarako aminao zao ty to. Hisy mpanjaka telo hitsanga a Persia any, le ty faha efatsy le mpanarivo mandilatsy anilany hafa rey ie, le hamporisiky ty olo iaby hanohitsy ty fanjaka i Gresy. ³Hisy mpanjaka mahery hitsanga ze hanapaky fanjaka bevata mihintsy, sady hanao ze teany ie. ⁴Lafa tafipetraky ie, le ho rava ty fanjakany sady hizara amy ty tsioky efatsy ty lanitsy, fa tsy amy ty tarihany manoka, sady tsy amy fahefa ty fony nanapahany. fa ty fanjakany le ho tampitsy hoahy ty hafa hafa ty tarihany rey. ⁵Ty mpanjaka ty antimo rey le hanjary matanjaky, fe ty raiky amy mpifehiny rey hanjary hatanjaky mandilatsy lavitsy noho ie sady hanapaky ty fanjakany amy ty habe ty hery. ⁶Tao kelikely tafara anizay, lafa mety ty fotoa, le hanao filongoa ndrozy. Ty anaka ampela ty mpanjaka ty antimo ho avy amy mpanjaka ty avaratsy hanamafy ty fifanenkea. fe tsy hatanjaky ty heriny ty sandriny ie, ndra koa tafiegny lahilahy iny, ndra ty sandriny. Hafoy ie--- ie noho ze nanday azy, le ty babany, noho ze nanohitsy azy tamy fotoa zay. ⁷Fa hisy tahony baka amy ty fakany hitsanga hisolo ty toerany. Hanafiky ty miaramila ie sady hihilitsy amy fiarova mafy ty mpanjaka ty A varatsy. Hialy amindrozy rey ie, le haharesy azy. ⁸Handesy a gypta any ty ndranahareny mbamy ty sary vongany vy noho ty finga volafoty noho volamena sarotsy androzy. Hiegny lavitsy ty mpanjaka ty Avaratsy maharitsy tao maromaro ie. ⁹Hanganiky ty fanjaka ty Antimo ty mpanjaka ty Avaratsy, fe hiala amy ty taniny ie. ¹⁰Ho vono sady hamory miaramila evata azy anakilahiny rey. Ho avy avao zay sady hanafotsy ty kila raha iaby; handrip baka amy lala iabby rey ho amy fiarova mare zay. ¹¹hanjary ho meloy mare ty mpanjaka ty Atimo; handeha le hialy amy mpanjaka ty Avaratsy ie. Hananga miaramila bevata ty mpanjaka ty Avaratsy, fe hasesy an-tana ty maramila eo. ¹²Handeha ty miaramila, le ty fo ty mpanjaka Antimo le hisondrotsy, le hamono amy nalinaly ie, fe tsy ho mpandresy. ¹³hananga miaramila hafa ty mpanjaka ty Avaratsy, bevata mandilatsy azy velohanny iny. Tao maro tafara tatoy, le vatany ho avy ty mpanjaka ty Avaratsy miharo amy miaramila lako nanday fitaoava lako. ¹⁴Amy fotoa zay le lako ty hitsanga hanohitsy ty mpanjaka ty Antimo. Anaky ty mpinehanaha leko amy ty olonao ro hanenga ty vatandrozy hanatanteraky ty fahita raiky, fe meloky ndrozy. ¹⁵Ho avy ty mpanjaka ty Avaratsy, handraraky tany hananova tovon-tany, sady handrava ty tana amy fiarova mare. Tsy ho afaky hitsanga ty miaramila ty Antimo, ndra zy miaramila matanjaky mare aza. Tsy hisy hery ho tafa-petraky. ¹⁶Fe, ze ho avy ro hanao ze teany hanohera azy; tsy misy tafitsanga amy lalany eo. Hitsanga amy ty tany fahasoava ie, sady ho an-tanany eo ty fandrava. ¹⁷hanoma ty tarehiny ho avy miarakany may hery ty fanjakany iaby ty mpanjaka ty Avaratsy, sady hisy fifanaraha ze hanoviny miarakany amy ty mpanjaka ty Antimo hiaraky aminy. hanome anakam-pela baka amin'ampela hampiakary ie mba handrava ty fanjaka ty Antimo. Fa tsy ho tanteraky ndra hanampy azy fikasa iny. ¹⁸Tafaran'izay, le ho tea ty sisin-tany ty mpanjaka ty Avaratsy sady handrava ty lako amindrozy. fe hhisy mpifehy hanapitsy ty avonavony sady hahavy ty firengerengeany hivaliky ho aminy avao. ¹⁹Le ho tea amy fiarova mare ty taniny avao ie, fe ho meloky ie le ho maty; sady tsy ho hita. ²⁰Le hisy olo hitsanga hanolo ty toerany ze hampandalo ty mpamory haba raiky noho ty fipirihana ty fanjakana. Fa amy andro manarakany eo le ho ravarava ie, fe tsy amy ty heloky ndra amy ty aly. ²¹Olo tsy nohaja ze tsy namea ty olo voninahitsy ty fahefa ty mpanjaka ro hisolo ty polasiny; ho avy tampoky ie sady amy famereverea ty hangalany ty fanjaka. ²²Hisy miaramila raiky handesiny manahaky ty tondra-drano alohany eo. Samby ho rava iaby ze miaramila zy noho ty mpitariky ty fanenkea. ²³Amy ty fotoa ze hananova fifanaraha miarakany aminy, le hamerivery ie; olo tsy ampy avao ro hahavy azy hatanjaky. ²⁴Ho avy baka amy faritsy tany mpanarivo mare tsy hamepetsy mihintsy ie, sady tsy hanao ze nanovy ty babany ndra ty razany lahilahy ie. Hampiely ty voasambotsy rey, azy azo sambotsy rey, sady ty hanagna amy azy mpanoriky azy rey ie. te handrava ty fiarova mafy ie, fe tselatsela avao. ²⁵Hamoha ty heriny ie sady ty fony hanohitsy ty mpanjaka Antimo amy miaramila lako. Hila aly amy miaramila bevata, Le vatany mahery ty mpanjaka ty Antimo, fe tsy ho velo ie safe hiharo hanohitsy azy ty hafa. ²⁶Ndra azy mihina ty hany soany rey aza le mila handrava azy. Ho handesy manahaky ty tondra-drano ty miaramilany, sady lako amindrozy ty ho vonoa. ²⁷Samby hipetraky amy latabo raiky avao azy mpanjaka rey, amy ty fondrozy mieritseritsy hanao raty, samby havandy aminy ao ndrozy, fe tsy hisy dikany zay. Fa h avy ty farany amy ty fotoa ze efa voatingy. ²⁸Himpoly amy ty taniny miarakany amy ty hanagna lako ty mpanjaka ty Avaratsy, miarakany amy ty fony manaboka ty fanenkea masy. Hiasa ie sady holy amy ty taniny ndraiky bakeo. ²⁹Lafa avy ty fotoa voatingy le himpoly ie sady ho avy hanohitsy ty Antimo ndraiky. Fa amy azy ndraiky mandeha toy le tsy hanahaky ty taloha teo. ³⁰Fa ho avy hanohitsy androzy ty sambo i Kitima, le hanjary havaka ie le tsy hahefa ie. Ho laginy amy azy fanenkea masy iny ie, sady haneho sitraky amy azy mahafoy ty fanenkea masy. ³¹Hitsanga ty heriny le hanaontao fahatany ty fiarova mafy ty fitoera masy. Halandrozy ty fanday horoa mahazatsy, sady hengandrozy ty fahavetaveta ze mahavy faharava. ³²Amy ze raty fanahy tamy fenenkea rey, le ho hovereverea rey le ho raty toetsy. fe azy olo ze mahay Ndranaharindrozy rey le hahery sady hiasa. ³³Azy ze hendry amy olo rey

ro hampahay ty lako. fa ho maty ty mesobe noho ty lele afo ndrozy; ho maty amy ty fisambora maharitsy andro maro ndrozy. ³⁴Amy ty firavohandrozy, le ho vonjea amy ty famonjea kely noho kely mare ndrozy. Amy fiatsaram-belatsihy ty hiaroandrozy lako. ³⁵Ho maty ty ilany amy mahilala le zay ty nahavy amindrozy ty fandiova, ty fanasa, noho ty fandiova, zisiky hiavia ty fotoa farany. Fa mbo ho avy avao ty fotoa voatingy. ³⁶Hanao araky ze teany ty mpanjaka. Hanondrotsy vata ie le hanao ty vatany ho be tany ndranahare iaby. Hivola raha hanohitsy ty Ndanahare ty ndranahary ie, fa ho anteraky zisiky hahavita ty heloky ie. fa hanovy ze fa nandidiany. ³⁷Tsy hiraharaha ty ndranahare ty lolo ie ndra ndranahare irinam-pela. Sady tsy hirahara ze mety ho ndranahre iaby ie. Fa hanao ty vatany ho anabo ty kila olo iaby ie. ³⁸hankalaza ty ndranahare ty fiarova mare ie fe tsy ndrozy. Ndranahare ze tsy nenkea ty razany ro hamea voninahitsy amy volamena noho volafoty, amy vato soa noho fanomeza sarotsy zay. ³⁹Hanfiky ty fiarova mare biby ie amy fanampea ty ndranahare hafa. Ze manenky azy iaby, le homea voninahitsy bevata. Hanoviny mpanapaky amy olo lako rey, sady hozarany ho fanomeza ty tany. ⁴⁰Amy ty fotoa farany ro hanafiky ty mpanjaka Antimo." Hanisy azy amy kalesy noho ty mpitikitsy soavaly, sady sambo lako ty mpanjaka ty Avaratsy. Ho avy hanohitsy azy tany rey ie, ho heniky androzy, sady hanapatapaky anizay. ⁴¹Handeha amy ty taniny fahasoava ie, sady Israelita aman'aly ho maty. Fa retia ro tafilay amy ty taniny: doma, Moaba, le azy ilany amy olon'i Amona. ⁴²Hanitatsy ty taniny amy tany rey ie; sady tsy havota ty tany gypta. ⁴³Hifehy ty fanday volamena noho volafoty ie, sady y hanagna ty gypta iaby; ho amy tombony eo Lybiana noho tipiana rey. ⁴⁴Fa hampihorohoro azy ty vaovao baka antinana noho avaratsy, le vatany handeha hiboaky amy ty heloky ie mba handravarava sady hanoka ty lako ho rava. ⁴⁵Hanenga ty lay ty feo ty mpanjakany anelanela y riaky noho ty vohitsy ty fahasoava ty fahamasina ie. Ho avy amy fiafarany ie, sady tsy hisy hamonjy azy.

Chapter 12

¹Amy fotoa zay i Mikaela, azy mpanjaka bevata ze miamby ty olonareo, le hitsanga. Hisy fotoa ty fijalea ze tsy mbo nisy baka amy ty fiatomboha ty firenena baka amy ze andro zay. Amy fotoa zay ty olonao le ho voavonjy, le ze hita fa voasoratsy anara amy boky ao iaby. ²Hamaroa ze miroro amy ty vovoky ty tany ro hitsanga, ty ilany ho amy fiaina mandrakizy sady ty ilany ho amy famenara noho fanaboka mandrakizay. ³Azy hendry ry le hipiriaky manahaky ty hazava ty lanitsy ambony, sady hanampoly ty lko amy fahamarina, le manahaky kintana mandrakizay rey. ⁴Fa iha, lahy Daniela, ahorono safa rey; hajario ho asia tampo ty boky zisiky hiavia ty fotoa ty farany. Lako ro hilomay mbetia mbaroe, sady hitombo ty fahalala. ⁵Le Zaho Daniela, nanenty, le nisy roe hafa nitsanga. Ty raiky nitsanga tanila ty rao tetoy, le ty raiky nitsanga tanila ty rano teroy. ⁶Ty raiky amindrozy nivola tany lahilahy nisiky rongony foty, ze tanabo ty rano manao hozao: "Zisiky ombia va ro hitampera ty raha mahatseriky retia?" ⁷Reko azy lahilahy misiky rongony foty, ze tanabo ty rano--- nanondrotsy ty tanany ankavana noho ty tanany ankavia tany lanitsy ie e nifanta tany azy raiky iny ze velo mandrakizay fa ho fotoa raiky, fotoa roe, noho ilam-potoa zay. Lafa norava avao ty hery ty olo masy, le vatany ho tanteraky iaby raha rey. ⁸Nahare zaho, fe tsy nahay. Le nanontany hozao zaho: "Tompoko lahy, ino va ty vokatsy amy raha iaby retia?" ⁹Hozao tiasany: "Mandina amy lalanao, lahy Daniela, fa ty safa le fa voahoro noho nasia tampo zisiky hiavia ty fotoa farany. ¹⁰Lako ro ho sasa, sady ho voafoty, fa ty raty fanahy hanao faharatia. Tsy hisy amy raty fanahy hahay, fa azy hendry rey ro hahay. ¹¹Haka amy ty fotoa ty fampiegnena ty fanday oroa mahazatsy noho ty fanenga ty fahaveaveta ze manday ty fandrava iaby, le hisy andro 1 290. ¹²Sambatsy ze miamby baka amy ty fiafara ty 1.335 andro. ¹³Tsy maintsy mandeha amy lalanao baka amy farany iha, sady hiala vozaky iha. Hitsanga amy ty toera voatingy ho ahinao iha, amy andro farany rey."

Hosea

Chapter 1

¹Zao ro safa Yaveh ze avy amy Hosea anakilahy Bery tany ty andro Ozia, Jotama, Ahaza noho Hezekia, mpanjaka ty Joda, sady tany ty andro Jeroboama anakilahy Joasy, mpanjaka Israely. ²Sady Yaveh laha nivola tany ty alala Hosea velohany, le hoy Ie taminy hozao: "Mandehana, mangalà valy ze maheriloha ho ahy nao. Hanan'anaky ze vokatsy ty herilohany ie. Fa manao heriloha bevata amy ty fahavoaza an'i Yaveh ty tany." ³Ka le nanjary Hosea ka le nanambaly an'i Gomera anak'ampela Diblaima, sady nibevoaka ie ka le niteraky aja lahilahy taminy. ⁴Hoasa Yaveh tany Hosea hozao: "Anovo hoe Jezirela ty anarany. Fa anay ty fotoa tsy ampy ao ro hanasazy ty longo i Heho Zaho noho ty fandatsahan-dio ts Jezirela any, sady hanampitsy ty fanjaka ty longon'Israely Zaho. ⁵Amy andro zay ro ho tapahako amy ty Lohaham-baibo Jezirela ao ty kititsin'Israely." ⁶Nibevoaka ndraiky i Gomora sadybniteraky ajam-pela. Sady hoasa Yaveh tany Hosea hozao: "Anovo hoe Lò-rohama ty anarany, fa tsy hana ndraky-fo amy ty longon'Israely sasy Zaho, ka tsy engàko mihintsy ty helokin-drozy. ⁷Fa koa hana famalozam-po amy ty longo Joda Zaho, sady hanavotsy androzy ty vatako, Yaveh Njanaharin-drozy. Tsy hamonjy androzy amy ty kititsy, meso bevata, aly, sovaly, na mpiondra sovaly Zaho." ⁸Sady lafa baka nampisaraky-nono an'i Lò-rohoma i Gomora, le nibevoaka sady niteraky aja lahilahy hafa ndraiky ie. ⁹Le hoasa Yaveh hozao: "Anovo hoe Lò-amy ty anarany, fa nareo ro tsy olo lakoko, sady Zaho tsy Njanaharinareo. ¹⁰Fa ty hisaky ty longon'Israely koa ro hanahaky ty fasy amoron-driaky eny, ze tsy hay hafatsy na hisahy. Sady amy ty toera ze nivolany tamin-drozy hozao: 'Tsy oloko nareo,' ro hivolana amin-drozy hozao: 'Olon-Janahary velo iny nareo.' ¹¹Hivory ty olon'i Joda noho ty olon'Israely. Hanondro mpitariky raiky ho ty azy ndrozy, sady hiakatsy baka amy ty ndrozy, fa ho bevata ty andro Jezirela.

Chapter 2

¹Volano amy rahalahinao hozao: 'olo lakoko e!' sady amy anabavinao rey hozao: 'Fa nanoroa fangoraha nareo.'"²Mananova fitoria hanohitsy ty reninao, Mananova fitoria, safe tsy valiko ie, sady Zaho tsy valiny. Engaho ie hangalaky ty famarotam-batany tsy ho alohany eo, noho fihetsiky herilohany rey tsy ho anivo ty nonony eo.

³Laha tsy zay, haboridako ie ka le hatoroko ty fitanjahany manahaky ty tamy ty andro nahaterahany. Hanoviko manahaky ty efitsy ie, manahaky ty tany karakaina, sady hanoviko Matt ty heathers ie.⁴Tsy hana indraiky-fo amy anany rey Zaho, safe anaky ty famarotam-bata ndrozy. ⁵Safe ty renin-drozy ro fa mpamarotsy vata, sady ie ze nanday tsoky androzy le fa nanao fihetsiky mahamenatsy. Hoy ie hozao: "Hanaraky olo-teako rey zaho, safe ndrozy ro nanome mofo noho rano ahy, ty volon'aondry noho rongoniko, ty solo-bonioko noho rano."⁶Laha zay le hananga vala misy fatiky hibahana ty lalany Zaho. Hampitsanga vala hanohitsy azy Zaho ka le tsy hahita ty lalany ie. ⁷Hania olo-teany rey ie, nefa tsy hahatsatsy androzy. Hila azy ndrozy, neda tsy hahita androzy. Sady hivola ie bakeo hozao: "Himpoly amy ty valiko velohany zaho, safe zay ro mety amiko koa noho zao."⁸Safe tsy hainy fa Zaho nanome azy vary iny, divay vaovao noho solo-bonio, sady nanampitampy volafoty noho volamena azy, ze nampiasan-drozy ho ahy Bala bakeo. ⁹Ka le halako ndraiky ty variny amy ty fotoam-pambolea, sady ty divaiko vaovao amy ty fotoany. Halako ndraiky ty volon'aondriko noho ty rongoniko ze nampiasa mba hamonia ty fitanjahany.¹⁰Sady hengako hitanjaky amaso olo teany rey eo ie, sady tsy hisy ndra ia ndra ia hahasarombaky azy an-tanako eo. ¹¹Hampijano ty fankalazany iaby avao koa Zaho—fanasy rey, fankalazany rey ty vola vaovao, Sabatany rey, sady andro fifalefaleany voatondro iaby rey.¹²"Hampipotiky volobony rey noho hazon'aviaviny rey Zaho, ze fa nivolaniny hozao: 'Ndroto ro takalo ze namea olon-teako rey ahy.' Hanoviko ho ala rey, sady biby ty baibo rey hihinana zay. ¹³Hanasazy azy noho ty andro fifalefalea Bala rey Zaho, Lara nandoro lintan-kazo manitsy ho azy ndrozy, lafa nangala ty vatany tamy ty peratsiny noho ty rojony ie, sady nanaraky olon-teany rey ie ka le nanalino Ahy—zay ro fanambara Yaveh. ¹⁴le fa tokony ho amy ty fampolia azy Zaho. Handay azy ho antany efitsy any Zaho ka le hivola am-pitiava aminy. ¹⁵Hampimpoly tanim-boloboky rey Zaho, sady ty Loham-baibo ty Akora ho varavara ty fanantena. Hamaly Ahy ao ie manahaky ty nanovy tamy androm-pahatanorany rey, manahaky ty tamy andro ze niboahany ty tany Egipta rey.¹⁶"Ka le amy andro zay—zay ro fanambara Yaveh—le hikaiky Ahy iha hozao: 'Valiko,' sady tsy hikaiky Ahy sasy iha hoe: 'Balako'. ¹⁷Fa halako am-bavany eo anara Bala rey; tsy ho tiaro sasy ty anaran-drozy."¹⁸"Amy andro zay le hanao fanekea amin-drozy miaraky amy biby am-baibo any, miaraky amy voro amy ty lanitsy eny rey, sady miaraky amy raha-milaly amy ty tany iaby rey Zaho. Halako tsy ho amy ty tany sasy ty kititsy, ty meso bevata, noho ty aly, sady hanoviko miroro zisiky farany iha.

¹⁹Hampanantena ty ho valinao zisiky farany Zaho. Hampanantena ty ho valinao amy ty fahamarina ty ho valinao amy ty fahamarina, ty rariny, ty tsy fivaliham-panekea, sady famalozam-po Zaho. ²⁰Mitahy amy ty vatako am-patokisa ho ahy nao Zaho, ka le hohainao i Yaveh. ²¹Amy andro zay, le hamaly Zaho —zay ro fanambara Yaveh—hamaly ty lanitsy Zauo, sady rozy hamaly ty tany. ²²Ty tany hamaly ty vary, ty voloboky vaovao noho ty solo-bonio, sady ndrozy hamaly an'i Jezirela. ²³Hamboleko ho Ahy amy ty tany eo ie, sady hana famalozam-po amy ty Lò-rohama Zaho. Hivola amy Lò-amy Zaho hozao: 'Iha ro oloko,' sady ndrozy hanao Amiko hozao: 'Iha ro Njanahariko.'"

Chapter 3

¹Yaveh nivola tamiko hozao: "Mandehana ndraiky, mitiava ampela raiky, ze nitea ty valiny, nefa mpaheriloha. Tiavo manahaky ty tiavako, Yaveh, ty olo lakon'Israely ie, na le miodiky ho amy ty njanarary hafa noho tea mofo vita amy ty voloboky aza ndrozy." ²Ka le niviliko sekely volafoty folo limy amby ho Ahy noho vary hordea homera raiky noho tampany ie. ³Hoy Zaho taminy hozao: "Tsy maintsy miaraky mipetsaky Amiko anay ty andro lako iha. Tsy ho mpaheriloha iha na ho ahy ty lahilahy hafa. Manahaky zay avao, ro hiarahako aminao."⁴Fa olon'Israely rey le hiay andro lako tsy misy mpanjaka, pamaraky, soro, andry vato, efoda na sampan-tsano. ⁵Sady bakeo ty olon'Israely le himpoly sady hila an'i Yaveh Njanaharin-drozy noho Davida mpanjakan-drozy, sady amy andro farany rey, le ho baka amin-kovitsy anila Yaveh eo noho ty hasoany ndrozy.

Chapter 4

¹Janjino ty Safa Yaveh, nareo olo lakon'Israely. Manao fitoria amy ty olo ty tany i Yaveh, safe tsy misy famarina na fanekea matoky ao, tsy misy fahaiza an-Janahary amy ty tany ao. ²Misy ozo, vandy, famonoa, halatsy noho heriloha ao. Nitoroa ty olo lako ty fehy iaby, sady ty mpiampy manaraky ty fandatsahan-dio. ³Ka le mihamaiky ty tany, sady ketsaky ze iaby mipetsaky amy zay; biby-li am-baibo any rey noho ty voro amy ty lanitsy eny, na ty fia anay riaky any aza, le ala. ⁴Fa mba ka manenga ndra ia ndra ia hanao firoroa; mba ka manenga ndra ia ndra ia hahazo ty hafa. Fa nareo zay, mpisoro, ze ampazahoako. ⁵Ho heloky nareo mpisoro anay ty andro; ho heloky miaraky aminareo avao koa to-resaky amy ty haly rey, sady ho toroa ty reninareo. ⁶Rava ty oloko noho ty tsy fahampea ty fahaiza. Safe fa nandà ty fahaizako nareo mpisoro, Zaho avao koa ro handà anareo amy ty maha mpisoro ho Ahy. Safe nihalinonareo ty lalàko, na le Njanaharinareo aza Zaho, le hanalino ananareo rey avao koa Zaho. ⁷Arakaraky ty hitombo ty mpisoro, ro hanotan-drozy Amiko. Natakalon-drozy henatsy ty voninahitsindrozy. ⁸Mihina ty fahota ty olo lakoko ndrozy; mangetaheta ty haratiany mba bevata ndrozy. ⁹Hitovy avao ho ahy ty olo lako noho ho ahy mpisoro rey: hanasazy azy iaby noho ty fanovy Zaho; hamaly androzy noho ty asany Zaho. ¹⁰Hihina androzy fa tsy ho vintsy; hanantanteraky heriloha ndrozy fa tsy hitombo, safe nanalavitsy an'i Yaveh ndrozy. ¹¹Tea heriloha mampiboaky-faly, divay, sady divay vaovao ndrozy, ze mangalaky ty fazavantsaindrozy. ¹²Manontany sampa hazony rey ty oloko, sady ty tapa-kazon-drozy manome faminania ho androzy. Fa namitaky androzy ty fanahy ty heriloha, sady nanday vata manahaky ty mpaheriloha ndrozy laha tokony nahatoky ty Njanaharinandrozy. ¹³Manao soro anabo vohitsy eny ndrozy sady mandoro lintan-kazo manitsy amy vohitsy eny, ambany ty hazo oka, popola noho terebinta, safe soa ty alokaloky. Ka fahativativa ara-nofotsy ananareo ampelanareo rey, sady vinanto ampelanareo maheriloha rey. ¹⁴Tsy hahafay ananareo ampela rey Zaho lafa mitingy ty hanao fahativativa ara-nofotsy ndrozy, na ty vinanto ampelanareo lafa maheriloha ndrozy. Fa lahilahy rey avao koa ro manome ty vatany ho ahy mpaheriloha rey, sady manome soro rozy ka le afaky manao asa maloto miaraky amy mpamaro-bata masy rey. Ka le ho atoraky any vahoaky ze tsy mahay toy. ¹⁵Fa iha, Israely, na le nanao heriloha aza, le enganie nie Joda tsy ho avy meloky. Mba ka mandeha miakatsy Batavena any, sady aza mitahy, manao hozao: " Laha mbo velo koa Yaveh. " ¹⁶Fa Israely ro nanday vata tany ty famehezan-doha, manahaky ty aombivavy mahery loha. Nanino ro handaisa Yaveh androzy amy ty fihinanam-biby eny manahaky ty anak'aondry amy ty tany akata rey any? ¹⁷Nampiharo ty vatany tany sampy i Efraima rey; engaho ho raiky ie. ¹⁸Ndra ro lany aza ty raha-inomy maherin-drozy, le manohy ty heriloha ndrozy; tea maré ty henan-drozy ty mpanampiny. ¹⁹Handrakotsy androzy amy ty elatsiny ty tsioky; sady ho menatsy ndrozy noho ty amy ty sorondrozy.

Chapter 5

¹"Janjino zao, mpisoro! Manorira sofya, longon'Israely! Mijanina, longo ty mpanjaka! Fa ty fitsara ro hoavy hanohitsy anareo iaby. Fa fandriky Mizpa any iha sady harato nivelatsy tany ty Tabara eo. ²Mpanao raty rey mikiry maré any ty famonoa, fa Zaho ro hanasazy azy iaby rey. ³Haiko Efraima, sady Israely tsy mivony amiko. Efraima, any zao iha le avy manahaky ty mpamaro-bata; voaloto Israely. ⁴Tsy hanenga androzy himpoly Amin-Janahary asany rey, safe ty fanahy ty heriloha ro amin-drozy ao, sady tsy hain-drozy Yaveh. ⁵Ty firengirengin'Israely ro vavolombelo manohitsy azy; ka le heloky any ty fanasazian-drozy Israely noho Efraima; Joda avao koa ro heloky miaraky amindrozy. ⁶Handeha hiaraky any ty aondry noho aositry noho aomby ndrozy mba hila an'i Yaveh, fa tsy hahita Azy ndrozy, safe nangalaky ty vatany tamin-drozy Ie. ⁷Tsy nahatoky an'i Yaveh ndrozy, fa niteraky aja tsy nanahaky ty lalà ndrozy. Any zao ty fifalefalea ty veloham-bokatsy ro handrava androzy mbamy baibony rey. ⁸Tsiofo a Gibeá ao ty anjomara, sady Rama ao ty trompetra. Mananova hoakoak'aly a Benjamina ao!" ⁹Ho lao Efraima any ty andro ty fanasazia. Tany fokon'Israely rey teo ro nanambarako ze tsy maintsy hitsanga. ¹⁰Mpitariky Joda rey le manahaky ze mamalo vala vato rey. Harorako manahaky ty rano amin-drozy ty halaginiko. ¹¹Potipotiky Efraima; potipotiky ty fitsara ie, safe nandeha tany ty sitsa-pony hanaraky sampy. ¹²Sady hanahaky ty kalalifa any Efraima Zaho, sady manahaky ty tomakoly any ty longo Joda. ¹³Lafa hita Efraima ty aretany, sady hita Joda ty fandratsiny, sady nandehata Asyria any i Efraima, sady Joda nandefa mpanday hafatsy ho any azy mpanjaka bevata iny any. Fa tsy afaky nitsabo anareo ie lahy olo ndra nanafaky ty fandratsinareo. ¹⁴Ka le hanahaky ty liona any Efraima Zaho, sady hanahaky ty liona tanora any ty longon'i Joda. Zaho, eka Zaho, ro hanapatapaky sady handeha; handesiko ndrozy, sady tsy hisy hanavotsy androzy. ¹⁵Handeha Zaho sady himpoly any ty toerako any, zisiky mampiaiky androzy ty helokiny ka le hila ty tarehiko, zisiky hila-drozy Ahy maré any ty fijalean-drozy."

Chapter 6

¹"Avia, andao tsika hi, poly amy Yaveh. Fa namotipotiky antsika Ie, nefa hanafaky antsika; nandratsy antsika Ie, fa hamango ty ferintsika. ²Afaky ndro-andro le hamelo antsika ndraiky Ie; hampitsanga antsika amy ty andro fahatelo, sady ho velo alohany eo tsika. ³Enganie hahay an'Yaveh tsika; engaho handondo ty hahaza an'Yaveh tsika. Ty fiboahany le azo antoky manahaky ty im-bola; ho avy amintsika manahaky ty ranon'ora Ie, manahaky ty loharanon'ora ze mandé ty tany."⁴Efraima, ino ro hanoviko miaraky aminao? Joda, ino ro hanoviko miaraky aminao? Ty fatokisanao to hanahaky ty raho ty maray, manahaky ty ando ze tsy ela tsy ela le lasa. ⁵Ka le nitapatapahako tamy ty alala mpaminany ndrozy rey, nivonoko tamy ty alala ty safa ty vavako ndrozy. Lalá rey ro hanahaky ty hazava ze mamirapiratsy.⁶Fatokisa ro iriko fa tsy soro, sady ty fahaiza an-Janahary noho ty fanomeza oroa. ⁷Manahaky Adama ro namaliky ty fanenkea ndrozy; tsy nahatoky Ahy ndrozy.⁸Gileada ro taná ty mpanao raty miaraky amy ty lian-tomboky mihoson-dio. ⁹Manahaky ty mandinisa ty halakoa ty malaso, ro hiharoa olo lako mpisoro hamono olo amy ty lala mana Sekema any rey; nanao heloky mahamenatsy ndrozy. ¹⁰Tamy ty longon'Israely ao ro nahitako raha mandaginy; ty famarotam-bata i Efraima ro ao, sady Israely le nanjary naloto. ¹¹Fa ho ahy nao avao koa, Joda, le fa voatondro ty fotoa-fambolea, Lara hampimpoly ty hanana ty oloko Zaho.

Chapter 7

¹Isaky ty te-hanafaky an'Israely Zaho, le miboaky ty fahota Efraima, noho ty asa raty Samaria, safe mamitaky rozy; avy ty mpangalatsy, sady ty olo lako mpandrava manafiky an-dala eny. ²Tsy hain-drozy tam-pony ao fa tiaroko ty asa raty iaby. Amy zao miodidy amin-drozy eo ty asany; aloha ty tarehiko rey. ³Faly tamy ty haratian-drozy ty mpanjaka, sady tamy ty vandiny ty manam-pahefa. ⁴Ie iaby ro maheriloha, manahaky ty laforo nafana ty mpanao mofo, ze mijano misoron'afo zisiky amy ty fandiniha ty foto-koba ka le zisiky hitomboza zay. ⁵Tamy ty andro ty mpanjakantsika manam-pahefa rey ro namparary ty vatany tamy ty hafana ty divay. Nanampatsy ty tanany tamy ze nikizaky ie. ⁶Fa amy ty fo manahaky ty laforo, ro hodinihiny tetiky famanjihan-drozy. Mirehitsy anay ty haly iaby ty helokin-drozy; ty amy maray le mirehitsy manahaky ty afo mirebareba zay. ⁷Ie iaby ro mafana manahaky ty laforo, sady mandrapaky ze manapaky amin-drozy eo rey. Fa tonta mpanjakany iaby rey; tsy nisy nikaiky Ahy ndrozy. ⁸Nifangaro tamy olo rey Efraima. Mofomamy pisaky ze tsy mbo navaliky i Efraima. ⁹Fa nandrava ty heriny firenea hafa rey, nefa tsy hainy zay. Volo foty ro miely aminy eo, nefa tsy hainy zay. ¹⁰Ty avonavon'Israely ro vavolombelo mpavandy azy; ndra zay aza, ro tsy nimpoly tamy Yaveh Njanahariny ndrozy, ndra nila Azy, ndra le teo aza iaby zay. ¹¹Efraima ro manahaky ty pizon, mitsé avao sady tsy misy say, mikaiky maré Egypta any, bakaeo mitily ho Asyria any. ¹²Lafa, mandeha ndrozy, le ho volaniko amin-drozy eo ty haratoko, hampijotsoako manahaky ty voro ty lanitsy ndrozy. Hanasazy androzy amy ty firohotany eo Zaho. ¹³Lozan-drozy! Fa nilay Ahy ndrozy. Avy amin-drozy eo ty fandrava! Niharo tamiko ndrozy! Tokony hanavotsy androzy Zaho, hefa nicola vandy tamiko ndrozy. ¹⁴Tsy niboaky tamiko tamy ty fony iaby ndrozy, fa midadadada am-pandrea eo. Miara-mivory ho ahy ty vary noho ty divay vaovao ndrozy, sady miodiky miala Amiko. ¹⁵Na le nampianatsy androzy noho nampahery ty sandriny aza Zaho, le mitetiky-raty hanohitsy Ahy ndrozy amy zao. ¹⁶Mimpoly ndrozy, neda tsy mimpoly Amiko, azy abo bibiky iny. Manahaky ty kititsy mirabiraby ndrozy. Ho tonta amy ty meso bevata noho ty fivolana fahantany ty lelany ty manam-pahefan-drozy. Zay ro ho zaro fikizahan-drozy amy ty tany Egypta ao.

Chapter 8

¹"Ametsaho anjomara amy ty soninao eo! Misy voromahery avy amy ty tsano Yaveh eo safe nandika ty fanenkeako noho niharo nanohitsy ty lalàko ty olo. ²Mitoreo Amiko ndrozy hozao: 'Njanahary e, zahay Israely atoy le mahay Anao.' ³Nefa Israely ro fa nanary ze soa, sady ty fahavalo hania azy.⁴Fa nampipetsaky mpanjaka rey ndrozy, nefa tsy baka amiko. Fa nampipetsaky mpanjakalahy ndrozy, nefa tsy tamy ty fahaizako. Tamy ty volafotiny noho ty volamenany ro fa nanamboarany ty sampy ho ahy ty vatany, nefa zay ro mba hanombota androzy avao." ⁵"Nandanany ty anak'olombelo, Samaria. Mirehitsy amy olo rey ty helokiko. Fa zisiky ombia ro hijanona ho meloky ndrozy?⁶Fa sampy zay ro baka Israely ao; ty mpiasa ro nanao zay; tsy Njanahary zay! Ho tapatapaha ty anak'aomby Samaria. ⁷Fa ty olo mandraraky tsioky ro mijinja talio. Tsy misy salohiny ty vary mitiry am-baibo eny; tsy misy ventiny ty vokatsy zay. Laha avy matoe zay, le handrapaky zay ty vahiny.⁸Le voately Israely; amy zao mavandy amy firenea rey manahaky ty raha tsy misy ilà azy ndrozy. ⁹Faniakatsy ta Asyria any manahaky ty ampondra-li mandeha da8ku ndrozy. Fa nampikarama mpitea ty vatany i Efraima. ¹⁰Ndra ro fa nampikarama olon-teany amy firenea rey eo aza ndrozy, amy zao Zaho. Hanomboky hijaly ndrozy noho ty fampijalea ty mpanjaka mpanjaka-lahy rey.¹¹Fa nampitombo alitara ho ahy ty fanomeza noho ty ota i Efraima, nefa fa njary alitara ho amy ty fotoa zay. ¹²Afaky manoratsy ty lalàko indraiky haly ho androzy Zaho, nefa ndrozy handramby zay manahaky ty raha hafahafa aminy.¹³Laha ty amy soro ty fanomezako rey, le manao soro hena ndrozy sady mihina zay, nefa Zaho, Yaveh, le tsy manenky rey. Amy zao hieritseritsy ty momba ty helokiny Zaho sady hanasazy ty amy ty otany. Himpoly a Egipta any ndrozy. ¹⁴Israely ro fa nanalino Ahy, Mpanao azy, sady fa nanory lapa. Fa nampahery tanà lako i Joda, nefa handefa afo amy tanàny rey eo Zaho ; handrava fiarovany maré rey zay.

Chapter 9

¹Mba ka mifaly, amy ty hafalea manahaky olo hafa rey, Israely. Fa tsy nahatoky iha, nahafoy ty Njanaharinao. Tiavo ty mandoa ty karama angatahy ty mpamaro-bata amy ty famaliha iaby. ²Fa ty famaliha noho ty famaiaza ro tsy hamaha androzy; handiso fanantena androzy ty divay vaovao. ³Tsy hipetsaky amy ty tany Yaveh ao sasy ndrozy; fa koa, himpoly Egypta any i Efraima, sady ndraik'andro ndrozy le hihina hany maloto Asyria any. ⁴Tsy handraraky fanomeza divay ho ahy Yaveh ndrozy, na hankasitsahany. Hanahaky ty hany ty mpisaona aminy ty soron-drozy; ze iaby mihina zay ro ho voaloto. Fa ty hanin-drozy ro ho androzy raiky avao; tsy hility ty tsano Yaveh zay. ⁵Ino ro ho anovinareo amy ty andro ty fifalefalea voatondro, amy ty andro ty fifalefalea ho ahy Yaveh? ⁶Fa, ingo, laha fa-milay amy ty fandrava ndrozy, le hamory androzy Egypta, sady handevy androzy i Memfisa. Laha ty amy hanana volafotin-drozy--ho nanjary fatiky maranitsy rey, sady hanatsiky ty lain-drozy ty fatiky. ⁷Ho avy ty andro fanasazia; avy ty andro famalia. Engaho hohay Israely iaby raha rey. Adala ty mpaminany, sady tsobo say ty olo azon-tsindrimandry, noho ty helokinareo bevata noho fandrafeanareo bevata. ⁸Ty mpaminany ro mpiemby an'i Efraima ho ahy ty Njanahariko. Fa misy fandriky voro amy lalany iaby, sady ty fanejea azy ro antsano ty Njanahariny. ⁹Fa nanimba toera maré manahaky ty tamy ty andro Gibeá ndrozy. Ho tiaron-Janahary ty helokin-drozy, sady ho saiziny ty fahotan-drozy. ¹⁰Hoasa Yaveh hozao: "lafa nahita an'Israely Zaho, le manahaky ty hoe nahita voloboky tan'efitsy any. Manahaky ty veloham-bokatsy ty fotoa ty aviavy, le nahita ty razambenao Zaho. Fa nana Bala-peora any ndrozy, sady nanokan-tena tamy sampy mahamenatsy zay. Nanjary mampangoritsy manahaky sampy niteany iny ndrozy. ¹¹Laha ty amy Efraima, le hitily manahaky ty voro ty voninahin-drozy. Tsy hisy fahateraha, tsy hisy fanana anaky, sady tsy hisy potepotehy. ¹²Ndra le niteza aja aza ndrozy, le ho alako ndrozy ka le tsy hisy ho tavela. Loza ho androzy lafa mivaliky amin-drozy Zaho! ¹³Fa nahita an'i Efraima Zaho, Manahaky an'i Tyro, nambole tamy ty tany akata teo, fa Efraima le handay anany rey ho amy ty olo-hafa ze hamono androzy any." ¹⁴Ameo androzy, Yaveh--ino ro hameanao androzy? Ameo sarotso tsy mahazo aja noho nono ze tsy manome ronono rozy. ¹⁵"Laha ty faharatian-drozy iaby ta Gilgala any, ze nihejenako androzy velohany. Nono ty asan-drozy lako fahota, le ho roahiko hiboaky ty tsanoko ndrozy. Tsy ho tea androzy sasy Zaho; mpiharo iaby manam-pahefan-drozy rey. ¹⁶Misy arety Efraima, sady maiky ty tahon-drozy; tsy mamoa rey. Ndra le manan'anaky aza rozy, le ho vonoko ty anaky malalan-drozy." ¹⁷Haria Njanahariko ndrozy safe tsy nankato Azy. Hanjary mpiriorio amy firenea rey eo ndrozy.

Chapter 10

¹Israely ro voloboky midoroboky ze mamokatsy ty voany. Manahaky ty nitomboana ty voany, ro halako ty alitara nanoviny. Manahaky ty namokarany ty taniny lako, ro nanatsarany anakavatony rey. ²Mamitaky ty fon-drozy; amy zao ro tsy maintsy hibaby ty helokiny ndrozy. Harobaky Yaveh ty alitaran-drozy; ho ravany anakavatony rey. ³Fa hivola androzy hozao: "Tsy mana mpanjaka tsika, safe tsika tsy natahotsy an'i Yaveh, sady ty mpanjaka--ino ro mety hanoviny amintsika?" ⁴Nivolambola avao ndrozy sady nanao fanekea tany ty fiainan-tsy to. Ka le nitimoky manahaky ty akata-raty misy poizy am-bavasa am-baibo eny ty rariny. ⁵Ty olo mipetsaky Samaria ro hatahotsy noho aomby vavy Betavena rey. Nisao tamin-drozy teo ty olo lakony, manahaky ty nanovy mpisoro mpiasa sampy rey ze fa nifalifaly tamindrozy rey noho ty famirapiratsin-drozy, fe tsy any sasy ndrozy. ⁶Handesy Asyria any ho fanomeza ho ahy ty mpanjaka bevata ndrozy. Ho afa-baraka Efraima, sady ho menatsy amy sampiny Israely rey. ⁷Horava manahaky ty tapa-kazo anabo rano eo ty mpanjaka Samaria. ⁸Horava ty toera abo ty haratia iaby. Zay ro fahotan'Israely! Ty fatiky noho ty akata ro hitombo amy ty alitaran-drozy eo. Hivola amy ty vohitsy ty olo lako hozao: "Sarony zahay!" sady amy ty vohitsy hozao: "Milavoa aminay!" ⁹"Israely, fa zisiky amy ty andro Gibeia iha ro nanota; tany iha ro nipetsaky. Tsy hahatsatsy anany rey ty raty ta Gibeia ao va ty aly?" ¹⁰Laha sitsaky zay, le hanafay androzy Zaho. Hiaraky hikobo hanohitsy androzy ty firenea sady hampipetsaky androzy amy ty fototsy noho ty helokin-drozy misosona. ¹¹Efraima ro aomby vavy kelikely folabao ze tea mihinam-bary, ka le hanisy zioga amy ty vozony soa tarehy eo Zaho. Hanisy zioga amy Efraima eo Zaho; hiasa tany i Joda; Jakoba avao ro hisinto ty fandravona. ¹²Mandraraha fahamarina ho ahy ty vatanareo, sady jinjao ty Mandraraha fahamarina ho ahy ty vatanareo, sady jinjao ty vokatsy ty tsy fivaliham-panekea. Vakio ty tany mbo tsy niasanareo, fa fotoa hilà an'Yaveh zao, zisiky hiaviany noho handatsahany fahamarina aminareo eo. ¹³Fa namboly faharatia nareo; le nijinja ty tsy rariny. Fa nihina ty voa ty fitaky nareo safe nahatoky tetikinareo rey noho maramilanareo lako rey. ¹⁴Ka le hisy korakoraky aly amy olo lakonao eo rey, sady ho rava tanànanao voaro mahery iaby rey. Hanahaky an'i Bet-arbela nirava i Salamana tany ty andro ty aly zay, lafa torotoro niaraky tany anany rey reny. ¹⁵Ka hiseho aminao zay, Betela, noho ty habevata ty haratoanao. Vo maray ro hangala tanteraky ty mpanjakan'Israely."

Chapter 11

¹"Tamy ie mbo mpamaraky Israely le niteako, sady nikaiky ty anakilahiko hiboaky a Egypta Zaho. ²Arakaraky ty nikaiha androzy, ro nanalaviran-drozy Ahy. Sady nanao soro ho ahy Bala noho nandoro ty lintan-kazo manitsy ho ahy ty sampin-drozy. ³Kanefa Zaho ro nampianatsy an'i Efraima handeha. Zaho ro nitsotso androzy tamy ty sandriny eo, fe tsy hain-drozy fa nikarakara androzy Zaho. ⁴Tamy ty foly ty maha-olombelo ro nitarihiko androzy, Tamy ty fehy ty fitea. !anahaky ty olo ze nandraty ty zioga tamy ty valanoran-drozy eo Zao, sady niondriky tamin-drozy eo Zaho ka le namahana androzy. ⁵Tsy himpoly amy ty tany any Egypta va ndrozy? Tsy hanapaky amin-drozy eo va Asyria safe mandà ty himpoly amiko ndrozy? ⁶Hilatsaky amy ty tanàn-drozy ty meso bevata sady hampitiro androzy zay noho ty tetikin-drozy avao. ⁷Nanapa-kevitsy ty hiala amiko ty olo. Ndra le mikaiky Azy Njanahary iny aza ndrozy, le tsy hisy ndra raiky aza hanampy androzy. ⁸Nanino ro hialako anao, Efraima? Nanino ro hanomezako anao, Israely? Nanino ro hananovako anao manahaky Adama? Nanino ro hananovako anao manahaky Zeboima? Niova ty tanay ty foko ao; fa niakatsy ty fangoraham'po iaby. ⁹Tsy hanantanteraky ty hapaginiko Zaho; tsy handrava an'i Efraima sasy. Fa Njanahary Zaho fa tsy olo; Zaho azy Masy iny aminareo eo, sady tsy ho avy amy ty heloky Zaho. ¹⁰Hanaraky an'Yaveh ndrozy; sady hierotsy manahaky ty liona Ie. Lafa mierotsy Ie, le ho avy am-pangitikitiky baka andrefa any anany rey. ¹¹Ho avy am-pangitikitiky manahaky ty voro baka Egypta any ndrozy, manahaky ty tamy Asyria. Hampipetsahako an-tsanony ao ndrozy--- zay ro fanambara an'Yaveh. ¹²Hobekoa Efraima amy ty vandy zaho. sady ty tarihan'Israely amy ty fitaky. Kanefa Joda le mbo miaraky amiko, Njanahary, sady matoky Ahy, Azy Masy iny."

Chapter 12

¹Efraïma mihinan-tsioky sady manaraky ty tsioky baka antinana any. mampitombo hisaky vandy rey noho heriloha mandrakariva ie. Manao fanenkea miaraky amy Asyria sady manday menaky oliva ho Egipta any ndrozy. ²Mana aly amy Joda avao koa Yaveh sady hanasazy an'i Jakoba noho ze nanoviny rey; hamaly azy Ie noho asany rey. Tan-tsarotso ao ro nitanjaha Jakoba ty rahalahiny tamy ty fara-tomboky, sady tamy ty habevatany ro nialiany tamin-Janahary. Nialy tamy azy anjely iny ie ka le naharesy. Nitany noho nitoreo ho ahy ty sitsaky ie. Nahita an-Janahary ta Betela ao ie; tany ro niresahan-Janahary taminy. ⁵Zao ro Yaveh, Njanahary tompo ty lako iny; "Yaveh " ro anarany hikaiha azy. ⁶Ka le mimpolia amy ty Njanaharinareo. Embeno ty fanenkea matoky noho ty rariny, sady mahalinisa mandrakariva an-Janaharinareo. ⁷Ty mpamarotsy ro mana meza diso an-tanan-drozy ao; tea fialona ndrozy. ⁸Hoasa Efraïma ho zao: "Lasa mpanarivo maré koa zaho; nahita hanana ho ahy ty vatako zaho. Tsy hahita heloky amiko amy ty asako iaby ndrozy, ze iaby mety ho fahota." ⁹"Zaho ro Yaveh Njanaharinareo baka amy ty tany Egipta any. Hampipetsahiko anay lay ndraiky nareo, manahky ty tamy ty fifalefalea voatondro. ¹⁰Nivola tamy mpaminany rey Zaho, sady nanome fahita lako ho androzy ho ahy nao. Tamy ty tana mpaminany rey ro nanomezako fanohara." ¹¹Laha misy haratia ta Gileada ao, le raha-tsy misy vatany ty olo. Anovin-drozy soro ta Gilgala aombilahy rey; hanahaky ty antontam-bato anay ty baibom-bavasa rey ao ty alitaran-drozy. ¹²Nilay ho amy ty tany Syria any i Jakoba; niasa mba hahazo valy i Israely; sady nandiny aondry noho aosy ie mba hahazo valy. ¹³Nanday ty Israely hiboaky ty tany Egipta tamy ty alala ty mpaminany Yaveh, sady tamy ty alala ty mpaminany ro nikarakarany androzy. ¹⁴Nampeloky maré an'i Yaveh i Efraïma. Laha zay le hanenga ty liony aminy eo ty Tompo sady hampimpoly aminy ty fanalam-barakany.

Chapter 13

¹"Lafa nivola i Efraima, le nisy ngitikitiky. nanondrotsy ty vatany ta Israely any ie, nefa nanjary meloky noho ty fanompoa an'i Bala ie, ka maty. ²Miha-manota zisiky any ndrozy amy zao. Manao sary sokitsy vy amy ty volafoty ndrozy, sampy nanovy soa manahaky ze azo nanovy, iaby rey le asa ty mpanao asa tana. Nivola ty amin-drozy ty olo hozao: 'Olo ze manao soro rey ro manoroky anak'aomby.' ³Ka le hanahaky ty raho ty maray ndrozy, manahaky ty ando ze mora maiky, manahaky ty lila ze tsiofy ty tsioky baka amy ty famaliha eo, sady manahaky ty satsoky miboaky amy ty fiboaha setsoky. ⁴Fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo baka amy ty tany Egypta. Ao nareo tsy hanenky Njanahary hafa-tsy Zaho avao; enganie nareo hanenky fa ankoatsy Ahy, le tsy misy mpamonjy hafa. ⁵Haiko nareo tan-tany efitsy any, tamy ty tany maiky bevata. ⁶Lafa nana akata nareo, le vintsy; sady lafa vintsy nareo, le nisonjotsy ty fonareo. Laha dikany zay le nanalino Ahy nareo. ⁷Hanjary hanahaky ty liona ho androzy Zaho; manahaky ty leoparda ro hiembenako manaraky ty lala. ⁸Hamango androzy manahaky bera tsobo anaky Zaho. Handriatsy ty tsatsin-drozy Zaho, sady handrapaky androzy eo manahaky ty liona, manahaky ty handrivajivata ty biby-li androzy Zaho. ⁹Handrava anareo Zaho, Israely; ia ro afaky hanampy anareo? ¹⁰Aia ty mpanjakanareo zao, mba hanavotsy anareo amy ty tanànaireo iaby any? Aia mpanapakinareo rey, ze fa nivolaninareo tamiko hozao: 'Ameo mpanjaka noho pamaraky zaho?' ¹¹Nanome anareo mpanjaka tamy ty heloky Zah, sady nangalaky azy tamy ty halaginiko. ¹²Fa nihajarie ty heloky Efraima; nihajarie ty helokiny. ¹³Ty fangirifiria ty fiteraha ro hoavy aminy eo, fa anakilahy tsy mana-fahendrea ie, safe lafa avy ty fotoa hiteraha, le tsy miboaky baka am-bohoky ao ie. ¹⁴Hamonjy androzy amy ty tana ty fiainan-tsy hita va Zaho? Hamonjy androzy amy ty fahafatesa va Zaho? Aia, fahafatesa, ty areti-mandrava? Aia, fiainan-tsy hita, ty fandravà? Mivony amy ty masoko ty fangoraha. ¹⁵Ndra le nanan-kanana tamy rahalahiny rey teo aza i Efraima, le hisy tsioky baka antinana any ho avy; hitsoky baka an-tany efitsy any ty tsioky Yaveh. Ty loharano Efraima ro ho ritsy, sady ty fantsaka ro tsy hisy rano. Handrava ty tsano fanajariany ty raha-sarotsy iaby ty fahavalony. ¹⁶Ho meloky i Samaria, safe niharo nanohitsy ty Njanahariny ie. Ho lavo ty meso bevata ndrozy; ho potipotiky anany mbo kelikely rey, sady ho jiaty renin-drozy manday bevoka rey.

Chapter 14

¹Israely, mimpolia amy Yaveh Njanaharinao, fa lavo tamy ty helokinay iha. ²Mandaisa safa sady mimpolia amy Yaveh. volano Azy hozao: "Alao ty helokinay iaby sady enkeno ze soa, mba ho afaky manome ty vokatsy ty soninay ho ahy Nao zahay. ³Asyria ro tsy hanavotsy antsika; tsy hiondra sovaly ho amy ty aly any tsika. Ndra hivola amy ty asa ty tanantsika sasy hoe: 'njanaharinay iha,' fa Aminao ao ty kamboty ro mahazo fangoram-po." ⁴Hanafaky ty fivalihan-drozy Zaho; hitea malalaky androzy Zaho, fa hiala aminy ty helokiko. ⁵Hanahaky ty andro Zaho amin'Israely; hamony manahaky ty lilia noho hamaka manahaky ty sedera a Libanona ao ie. ⁶Hananova sampany rey; hanahaky hazon'oliva rey ty hasoany, sady ty hanitsy soasoany le hanahaky sedera a Libanona ao rey. ⁷Ty olo ze mipetsaky amy ty olony ao ro himpoly; ho vavolombelo manahaky ty voa ndraiky ndrozy sady hitimoky manahaky ty voloboky. Hanahaky ty divay Libanona ty lazany. ⁸Efraima, ino avao koa ro mbo azoko anovy amy ty sampany? Hamaly azy Zaho sady hikarakara azy. Manahaky ty kypreso ze maitso ty raviny mandrakariva Zaho; baka Amiko ro hitiria ty volanao. ⁹Ia ro hendry ka le hahatakatsy raha rey? Ia ro mahatakatsy raha rey ka le hahay androzy? Fa mahity lala Yaveh rey, sady ty marina ro handeha amy rey, fa ty mpivory ho meloky amy rey.

Joel

Chapter 1

¹Zao ro safa Yaveh ze avy tamy i Joela anakilahy i Petoela. ²Nareo olo bey, janjino zao, sady mijanjina nareo mipipetsaky iaby amy ty tany eo. Fa nitsanga va zao tamy ty andronareo na tamy ty andro ty razambenareo? ³Volano ty mikasiky zay ty ananareo, sady engao ty ananareo hivola ty anakin-drozy, sady anakin-drozy amy ty tarihan-drozy manaraky. ⁴Ze sisa ty Kijeja ro nihany ty galala lako; ze sisa ty galala lako ro fa nihany ty galala vaovao; sady ze sisa ty galala vaovao ro nihany ty sompanga. ⁵Mifohaza, nareo mpinontoaky, sady mitania! Midradradradrà, nareo iaby mpino divay, safe ty divay mamy ro nala taminareo eo. ⁶Fa nisy firenea raiky niakatsy tamy ty taniko eo, Mahery noho tsy hita hisaky. Ty hiny ro hy ty liona, sady mana ty hy ty liona ampela ie. ⁷Nanoviny toera mampangorohoro ty tanim-boloboky sady nitapahiny ty hazon'aviaviko. Niombotany ty holitsy hazo sady nariany zay; rantsany rey ro lasa foty. ⁸Enganie Hisao manahaky ty aja-mpela tsy mahasaky lahy manao siky fisaona amy ty fahafatesa ty valiny tanora nareo. ⁹Ty fanomeza voa noho fanomeza inomy ro nala tamy ty tsano Yaveh ao. Misaona mpisoro rey, mpiasa Yaveh. ¹⁰Rava baibo rey, misaona ty tany safe fa simba ty vary. Maiky ty divay vaovao, mandemiky ty solo-bonio. ¹¹MBA menatsy, nareo mpamboly, sady midradradradrà, nareo mpamboly voloboky, noho ty vary tritiky noho ty vary hordea. Fa ty vokatsy ty baibo ro fa rava. ¹²Nalazo ty voloboky sady maiky hazon'aviavy rey, ampongaben-danitsy rey, hazo palma rey avao koa, sady hazo ty poma rey---nalazo iaby ty hazo iaby tam-baibo any. Fa nalazo ty fifalea ty tarihan'olombelo. ¹³Mananova akanjo fisaona sady engaho hisaona, nareo mpisoro! Midradradradrà, nareo mpiasa ty alitara. Mamonjy, andedo miroro anay ty haly iaby ty akanjo fisaona, nareo mpiasa ty Njanahariko. Fa ty fanomeza voa noho ty fanome@ ino ro fanitanjaha an-tsano ty Njanaharinareo ao. ¹⁴Mangataha fifalian-kany masy, sady mangataha egilizy masy. Havory olo bey noho olo mipetsaky amy ty tany Yaveh Njanaharinareo so rey, sady mitania amy Yaveh. ¹⁵Eee! ty andro toy! Fa ty andro i Yaveh ro fa mariny. Ho avy miarakany amy zay ty fitoroa baka amy azy Tsitoha iny. ¹⁶Tsy fa nala tamasontsika eo va ty hany, sady fifalea noho ty fifalefalea tamy ty tsano ty Njanaharintsika ao? ¹⁷voa rey ro lo ambany ty bongana-tany rey any, rava mpamarotsy rey, sady toro sompita rey, safe nalazo vary rey. ¹⁸Zato fierotsy biby rey! Mijaly ty biby haré safe tsy mana tany fihinanam-biby ndrozy. Mijaly avao koa aondry noho aosy lako rey. ¹⁹Yaveh, mangataky Aminao zaho. Fa nivelominy ty afo fihinanam-biby rey anefitsy any, sady lelan'afo ro nandoro ty hazo iaby tam-baibo any. ²⁰Ndra biby am-baibo any rey aza le midradradradra Aminao, safe rotsy ty loham-baibo, sady may ty afo fihinanam-biby an'efitsy any rey.

Chapter 2

¹Tsiofo ty anjomara a-Ziona ao, sady ampitoro ty fitaira am-bohitsy masy any! Enganie ty olo mipetsaky amy ty tany iaby hangitikitiky amy ty tahotsy, fa ho avy ty andro i Yaveh; mariny vatany zay. ²Andro ty faiky noho haikim-pito zay, andro ty raho noho haikim-pito. Manahaky ty marain-dray bey ze miparitaky amy vohitsy rey eny, mamonjy ty tafiky bevata noho matanjaky. Tsy mbo nisy tafiky manahaky toy baka any baka any, sady tsy hisy manahaky azy sasy, na afara ty tariha afara lako aza. ³Ty afo mandrava ty raha iaby aloha azy, sady ambaliky zay ao ty lelan'afo ro mirehitsy. Ty tany ro manahaky ty baiho Edena aloha zay eo, neda ambaliky zay ao ro misy efitsy avao. Tsy hisy ndra ino ndra ino hilay amy zay vatany. ⁴Ty endrikiny manahaky ty sovaly tafiky rey, sady milay manahaky ty mpiondran-tsovaly ndrozy. ⁵Mpitseka miaraky amy ty feo manahaky ty ahy sarety rey anabo ty vohitsy ndrozy eny, manahaky ty feo ty lelan'afo mirehitsy ze mandrava ty lila, manahaky ty tafiky matanjaky vonona ho amy ty aly ndrozy. ⁶Anay ty fangirifiry ao ty olo sady lasa foty hatsta ty tarehin-drozy iaby lafa anilan-drozy eo. ⁷Milay manahaky ty mpialy matanjaky ndrozy; mihina vala rey manahaky maramila mpialy rey ndrozy; manao liabey amy ty laharany iaby ndrozy sady tsy vaky ty laharany. ⁸Tsy mifanosiky ndrozy; samby mandeha amy ty lalany iaby ndrozy; mamakivaky ty fiarova ndrozy sady tsy rava ty lahara. ⁹Mirehitsy amy ty tanà eny ndrozy, sady milay amy ty vala eny, manganiky amy tsano rey ndrozy, sady militsy an-dafonety eo manahaky ty mpangalatsy ndrozy. ¹⁰Mihorohoro aloha ndrozy ty tany, sady mihozongozo ty lanitsy, ty masoandro noho ty vola ro maiky, sady ty basia ro mijano mampiratsy. ¹¹Manondrotsy ty feony aloha ty tafikiny i Yaveh, safe mpialiny rey ro lako hisaky vatany; safe mahery ndrozy, ze hanantanteraky ty liliny rey. Fa bevata noho mandaginy vatany ty andro i Yaveh. Ia ro ho velo amy zay? ¹²"Ka le amy zao aza" hoasa Yaveh hozao: "Mimpolia Amiko amy ty fonareo iaby. Mifalia hany, mitania, sady mananova fisaona." ¹³Simbasimbao avao koa ty fonareo fa tsy ty fisikinanareo avao, sady mimpolia amy i Yaveh Njanaharinareo. Fa mamaloza fo noho mahaferinay Ie, tsy mora meloky sady bey famalozam-po, sady hiala amy ty fampandaisa sazy Ie. ¹⁴Ia ro mahay? Mety himpoly va ie sady hana fangoram-po, sady hanenga fitahia afarany, le ty fanomeza voa noho fanomeza ino ho ahy Yaveh Njanaharinareo? ¹⁵Tsiofo ty anjomara a-Ziona ao, mikaiha fifalian-kany masy, sady mikaiha fivoria masy. ¹⁶Avorio ty olo lako, kaiho amy ty fivoria masy. Avorio olo bey rey, avorio ty aja mbamy ty aja minono. Engaho ty mampiakatsy hiala anefitsanony ao, sady ty ampiakary hiala an-tsano firoroany. ¹⁷Engao mpisoro rey, mpiasa i Yaveh hitany anivo ty lavaranga filira noho ty alitara eo. Engaho ndrozy hivola hozao: "Angataho ty olo, Yaveh, sady mba ka enga ho amy ty fahafaham-baraka ty lovana, ka le hala firenea rey. Nanino ndrozy ro tokony hivola amy firenea rey hozao: Aia ty Njanaharin-drozy?" ¹⁸"Ka le saro-piaro ty amy ty taniny i Yaveh sady nahaferinay ty olony. ¹⁹Namaly ty olony i Yaveh manao hozao: "Ingo, handefa vary ho anareo, divay vaovao, sady menaky Zaho. Ho afa-po amy zay nareo, sady tsy hengako ho afa-baraka amy firenea rey eo sasy nareo. ²⁰Alaoko lavitsy anareo ty mpanafiky baka avaratsy any, sady handay androzy ho amy ty tany karakaina eo noho tany maiky Zaho. Ty velohan-dahara ty tafikin-drozy ro handeha amy ty riaky antinana any, sady afaran-dahara ho ahy amy ty riaky andrefa. Hiakatsy ty imbonny, sady ty imbon-dratiny hiakatsy." Fa nanao raha bevata vatany ie. ²¹Mba ka matahotsy, tany, mifalea noho miravoa, fa Yaveh hanao raha bevata. ²²Mba ka matahotsy, biby am-baibo eny, fa hitimoky ty akata an'efitsy any, hamao hazo rey, sady ty hazo aviavy noho ty voloboky hamokatsy atsiky. ²³Miravoa, olo lakon'i Ziona, sady mifalea amy i Yaveh Njanaharinareo ao. Fa hanome fararanon'ora sady handatsaky ora ho ahy nareo Ie, fararanon'ora noho ty fararanon-dohantao manahaky ty taloha teo. ²⁴Ty famolao ro ho atsiky vary, sady vata rey ho atsiky divay vaovao noho solo-bonio. ²⁵"Hampimpoly amy ty velohany tao ty vokatsy ze fa nihany galala lako rey Zaho---ty galala bevata, ty galala mpandrava, sady ty galala mpanimba ho ahy nao Zaho---ty tafiko mahery ze nakefako aminareo eo. ²⁶hihina lako le lako nareo sady ho vintsy, sady manompoa ty anara Yaveh Njanaharinareo, ze fa nanao hatsereha taminareo eo, sady tsy handay fahamenara amy ty oloko eo sasy Zaho. ²⁷Hahay nareo fa amy Israely eo Zaho, sady Zaho ro Yaveh Njanaharinareo, sady tsy misy mandilatsy ahy, sady tsy handay fahamenara amy ty oloko eo sasy Zaho. ²⁸Afara zay ao ro handatsaky ty Fanahiko amy ty nofotsy iaby Zaho, sady ty anakilahinareo noho anak'ampelanareo ro haminany. Ty antin-dahinareo ro hanonofy, ty tanoranareo ro hahita fahità. ²⁹Amy andro rey, le handrotsaky ty Fanahiko amy mpiasalaky rey eo noho mpiasam-pela avao koa Zaho. ³⁰Hampitoro hatsereha amy ty lanitsy eny noho amy ty tany eo Zaho, le lio, noho afo, sady setsoky mirebareba. ³¹Ty masoandro hivaliky haiky sady ty vola ho lio, aloha ty hiavia ty andro i Yaveh ze bevata noho mampangorohoro. ³²Ze iaby mikaiky ty anara i Yaveh ro ho voavonjy. Fa amy ty vohitsy i Ziona eny noho a-Jersalema ao ro hisy ze tafalay rey, manahaky ze volaza Yaveh, sady amy sisa velo rey eo, ze nikaihy Yaveh rey.

Chapter 3

¹Ingo, amy andro zay noho amy fotoa zay, lafa hampoly ty sesin-tany i Joda noho noho Jerosalama Zaho, le hamory ty firenea iaby Zaho, ²sady handay androzy hijotso amy ty Loham-baibo i Josafata eo. Hitsara androzy eny Zaho, noho ty amy ty Israely oloko noho lovako, ze niparitahan-drozy tamy firenea rey eo, sady noho ty nizaran-drozy ty taniko. ³Nanao filoka ho ahy ty oloko ndrozy, sady namarotsy ty ajalaky ho ahy ty mpamarombata, sady namarotsy ty aja-mpela ho ahy ty divay mba ho inomina-drozy. ⁴Amy zao, nanino ro meloky Amiko nareo, Tyro, Sidona sady ty faritsy i Filistia iaby? Hamaly faty Ahy va nareo? Ndra le hamaly faty Ahy aza nareo, le hampoliko amy ty lohanareo eo iaby zisiky any ty sazinareo. ⁵Fa nangalaky ty volafoty noho ty volamenako nareo, sady handay ty hanana sarotsy amy ty egilizinareo ao Zaho. ⁶Namarotsy ty olo i Joda noho Jerosalema amy Grika rey nareo, mba hangala androzy lavitsy ty faritaniny. ⁷Ingo, hampiala androzy amy ty toera ze namarotanareo androzy Zaho, sady hanohitsy amy ty lohanareo eo. ⁸Hamarotsy ty anakilahinareo noho anak'ampelanareo, an-tana ty olo i Joda eo Zaho. Hamarotsy androzy ho amy i Sabeana ndrozy, amy ty firenea lavitsy any. Fa Yaveh ro fa nivola. ⁹Ambarao amy firenea rey eo zao hozao: 'Omano amy ty aly ty vatanareo fohazo lahilaky mahery rey, engaho hamonjy ndrozy, enganie ty lahilaky ty aly iaby hiakatsy. ¹⁰Tefeo ho meso-bevata ty fangalinareo sady ho lefo ty meso fandrahanareo. Enganie ty osa hivola hozao: "Mahery zaho." ¹¹Malaky sady miavia, nareo firenea iaby miodidy eny, avorio miaraky ty vatanareo eny. Yaveh, ampijotso lahilaky mpialy maherinao rey. ¹²Engaho hifoahy firenea rey sady hiakatsy ho amy ty Loham-baibo i Josafata ao. Fa ao ro hipetsahako hitsara ty firenea iaby miodidy. ¹³Apetsaho ty meso fiasa, fa ty vokatsy ro matoe. Miavia, potsero ty voloboky, fa atsiky ty fanasazia. Mandilatsy ty vata fitataza, fa ty haratian-drozy ro bevata. ¹⁴Misy korakoraky, le korakoraky amy ty Loham-baibo ty Fitsara ao. Fa mariny ty andro Yaveh amy ty Loham-baibo ty Fitsara ao. ¹⁵Ty masoandro noho vola hanjary maiky, sady basia rey hitanjaky ty famirapiratsiny. ¹⁶Hoatsiky baka a-Ziona any Yaveh, sady hanondrotsy ty feony a-Jersalema ao. Hihozongozo ty tany noho ty lanitsy, neda Yaveh ro ho fialofa ty olony, sady fiarova mahery ho ahy ty olon'Israely. ¹⁷"Le ho hainareo fa Zaho ro Yaveh Njanaharinareo ze mipetsaky a-Ziona ao, vohitsiko masy. Ka le ho masy Jerosalema, sady tsy misy tafiky hanao liabey aminy eo ndraiky. ¹⁸Hoavy say amy ty andro ze hiboaha ty divay mamy amy ty vohitsy, ty vohitsy ro hirotsaky ronono, ty loham-baibon-driaky i Joda iaby ro hirotsaky rano, sady loharano ro hoavy baka amy ty tsano Yaveh sady ty rano baka amy ty Loham-baibo i Sitima. ¹⁹Hoavy faharava niala i Egipta sady Edoma ho lasa efitsy ava, noho ty heriloha nanovy tany ty olo i Joda, safe nandatsaky lion'olo tsy manan-tsiny tany ty taniny ndrozy ao. ²⁰Fa i Joda ro hipetsaha mandrakizay, sady Jerosalema hipetsaha ty tariha fara-mandimby. ²¹Hamaly faty ty lio ze tsy mbo nivaliko ho maty Zaho," Fa Yaveh mipetsaky a-Ziona ao.

Amos

Chapter 1

¹Raha mikasiky an'Israely ndreto ro nirambesy i Amosa, daily tamy mpiemby aondry ta Tekoa ao, tamy ty fanambarà ao. Nandramby raha rey ie tany ty andro i Ozia mpanjaka ty Joda, sady koa tany ty andro i Jeroboama anakilahy i Joasy mpanjakan'Israely, ²roa tao aloha horohoron-tany iny. Hoy ie hozao: "Hanatsiky baka a-Ziona any i Yaveh; hampiakatsy ty feony baka Jerosalema any Ie. Ho maiky ty akata mpiemby aondry rey; Halazo ty loha i Karmela." ³Zao ro volany Yaveh hozao: "Laha fahota telo nanovy i Da, askosy rey, eka, na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho, safe fiasa vy ro namangoan-drozy an'i Gileada. ⁴Handefasako afo ty tariha i Hazaela, sady handrava fiarova mahery i Beni-Hadada rey Zaho. ⁵Ho tapahako ty vy amy ty vavahady i Dakaskosy so sady handrava lahilaky ze mipetsaky a-Bikata Avena ao iny Zaho, sady koa lahilaky ze mitandraky ty tehimpanjaka a-Bet-Edena ao iny. Ty olo lako i Syria ro handeha ho amy ty fahagadra a-Kira any," hoasa Yaveh. ⁶Zao ro volany Yaveh hozao: "Laha fahota telo nanovy i Gaza rey, eka, na efatsy aza, le tsy hangalaky ty seza Zaho, safe nanovin-drozy ho tea ty olo lako iaby, mba hanomeza androzy an'i Edoma. ⁷Handefa afo amy rindry i Taza Zaho, sady handrava fiarova maheriny rey zay. ⁸Halavoko lahilaky ze mipetsaky Asdoda ao iny noho lahilaky ze mitanjaky ty tehimpanjaka baka Askelona any iny. Hanohitsy an'i Ekrona ty tanako, sady ho faty Filistina tavela rey," hoasa Tompo Yaveh. ⁹Zao ro volany Yaveh hozao: "Laha fahota telo nanovy i Tyro rey, eka, na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho, safe nanome ty olo lako iaby an'i Edoma ndrozy, sady nandika ty fifanenkeampilongoany ndrozy. ¹⁰Handefa afo amy rindry i Tyro rey eo Zaho, sady handrava fiarova maheriny rey zay." ¹¹Zao ro volany Yaveh hozao: "Laha fahota telo nanovy i Edoma rey, eka, na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho, safe nania ty rahalahiny tany ty meso-bey ie sady nanary ty famalozam-po iaby. Ty helokiny ro mitohy

mandrakariva, sady niela zisiky farany. ¹²Handefa afo a-Temana eo Zaho, sady handrava ty lapa i Bozra say."¹³Zao ro volany i Yaveh hozao: "Laha fahota telo nanovy ty olo lako i Amona rey, eka, na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho, safe nampijiatsy ampela bevoka rey ta-Gileada so ndrozy, mba hanitaran-drozy ty faritsy ty taniny. ¹⁴Handrehitsy afo amy rindry i Raba rey eo Zaho, sady handrava lapa zay rey, miaraky amy ty hoaky andro ty aly, miaraky amy ty talio amy ty andro ty talio. ¹⁵Handeha ho amy ty fahagadra ty mpanjakan-drozy, ie mbamy manam-boninahitsiny rey," hoasa Yaveh.

Chapter 2

¹Zao ro volany Yaveh: "Laha fahota telo i Moaba rey, eka na efatsy aza, le tsy hangalaky ty fanasazia Zaho, safe ndrozy le nandoro taola ty mpanjaka rey i Edoma ho sokay.²Handefa afo amy Moaba eo Zaho, sady haravako ty fiarova mahery i Kiriota, ho maty anay ty koraky noho hoaky sady ty feon'anjomara i Moaba. ³Ho ravako ty mpitsara aminy ao, sady ho vonoako miaraky aminy ty mpanjaka iaby," hoasa Yaveh.⁴Zao ro volany Yaveh: "Laha fahota telo i Joda rey, eka na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho, safe ndrozy ro nanary ty lalà Yaveh sady tsy niemby liliny rey. Nampandeha androzy tamy ty lalan-diso ty tanin-drozy any rey, le nandeha hanaraky zay avao koa razany rey. ⁵Handefa afo amy Joda eo Zaho, sady haravako fiarova mahery i Jerosalema rey."⁶Zao ro volany Yaveh: "Laha fahota telon'Israely rey, eka na efatsy aza, le tsy hangalaky ty sazy Zaho. Safe navilin-drozy volafoty ty tsy manan-tsiny sady ty mijaly ho potsa.⁷Nanitsaky ty loha ty mijaly manahaky ty fanitsaha ty olo ty lemboky amy ty tany ndrozy; nandroaky ty ory ndrozy. Ty lahilahy noho ty babany ro samby miroro amy ty ampela raiky avao sady mandoto ty anarako masy. ⁸Miroro anila ty alitara iaby eo amy ty akanjo azo tamy ty antoky ndrozy, sady an-tsanony-Janaharin-drozy ao ro hinomany ty divay ze baka amy voasazy rey.⁹Nefa fa niravako talohan-drozy eo ty Amorita, ty halava zay le manahaky ty halava ty sedera, natanjaky manahaky Ôka rey. Fa niravako ty voany anabo, noho ty fotony ambany. ¹⁰Sady koa, nanday anareo nihoaky baka amy ty tany Egipta any Zaho ka le nitariky anareo efapolo tao tan'efitsy any mba ahazoa ty tany ty Amorita.¹¹nondrotsy mpaminany baka amy anakilahinareo rey noho Nazirita baka amy pamarakinareo rey Zaho. Sa tsy zay va, olo lakon'Israely? ---Zay ro fanambara Yaveh. ¹²Nefa nareo le nandresy lahatsy Nazirita rey hino divay sady nibeko mpaminany rey tsy haminany.¹³Ingo, hanitsaky anareo manahaky ty fanitsaha ty sarety atsiky vary ty olo Zaho. ¹⁴Tsy hahita hilaisa ty olo mailo; tsy hampitombo ty heriny ty matanjaky; na ty mahery hahavonjy ty vatany.¹⁵Tsy ahatsanga ty mpandefa kititsy; ray ho afaky-milay ty mpilay mahalay; tsy hahavonjy ty vatany ty mpiondra-sovaly. ¹⁶Ndra le ty mpialy bey herim-po aza le hilay mitanjaky amy andro zay ---Zay ro fanambara Yaveh. "

Chapter 3

¹Janjino safa ze nivolany Yaveh taminareo zao, olon'Israely, amy longo iaby ze nandesiko niboaky ty tany egypta rey: ²"Nareo raiky avao ro nitinginiko amy longo iaby anabo ty tany rey etoa. Laha zay, le hosaziko nareo noho otanareo iaby rey." ³Moa va hiaraky handeha ty roe laha tsy mitovy-hevitsy ndrozy? ⁴Moa va hierotsy an'ala any ty liona laha tsy misy haza ie? Moa va hierotsy an-davakiny ao ty liona tanora laha tsy nahazo ndra ino ndra ino ie? ⁵Moa va afaky milavo anay fandriky amy ty tany etoy ty voro laha tsy misy talim-baravara voapetsaky ho azy akory? Moa va hihily ty fandriky amy ty tany etoy laha tsy nahazo ndra ino ndra ino akory ie? ⁶Hampiseho an-tanà ao va ty trompetra ka le tsy hangitikitiky ty olo? Ho avy an-tanà ao va ty loza laha tsy i Yaveh ro nandefa zay? ⁷Azo antoky fa tsy hanao ndra ino ndra ino i Tompo Yaveh laha tsy manambara faniriany rey amy mpaminany mpiasany rey Ie. ⁸Ia ro tsy hatahotsy; laha nierotsy ty liona? Fa nivola ty Tompo Yaveh, ia ro tsy haminany? ⁹Ambarao amy fiarova mahery i Asdoda rey any zay, sady amy ty fiarova mahery ty tany Egipta any; volano hozao: "Mivoria nareo amy vohitsy i Samaria eny sady henteo ty fifandrava bey ze aminy ao, sady ino ty fijalea aminy ao. ¹⁰Fa tsy mahay ty fananova ty marina androzy ---zay ro fanambara Yaveh--- Manajary heriloha noho fandrava amy ty valany ao ie rey." ¹¹Laha zay, zao ro volany ty tompo Yaveh hozao: "Hiodidy ty tany ty fahavalo. Handrava fiarovanao mahery rey ie sady handrava valanao rey. ¹²Zao ro volany Yaveh: "Manahaky ty fampnjea ty mpiemby aondry ty tomboky roe avao amy ty vava ty liona, na kambin-tsofy, ro hamonjea ty olon'Israely ze mipetsaky a-Samaria any, an-tsisy seza eo avao, na koa amy sisin-kitsely avao." ¹³Mijanina sady mitsangana ho vavolombelo manohitsy ty longo i Jakoba ---Zao ro fanambara nanovy ty Tompo Yaveh, Njanahary Tompo ty lako: ¹⁴Fa amy ty andro ze hanasaziako fahotan'Israely rey, le ho saziko avao koa ty alitara i Betela. Hotapahy tsifa ty alitara rey sady hotonta amy ty tany. ¹⁵Horavako ty tsano manintsy miaraky amy ty tsano faosa. Ho simba ty tsano ivory sady tsano-bey le hanjavo, ---zay ro fanambara i Yaveh. "

Chapter 4

¹Janjino safa zao, nareo aombivavy i Basana, nardo ze am-bohitsy i Samaria any, nareo ze mampijaly ty mijaly, nareo ze manorotoro ty ory, nareo ze mivola amy ty valinareo hozao: "Andaiso raha-ino zahay." ²Fa nitahy tamy ty fahamasinany ty Tompo Yaveh hoe: "Ingo, ho avy aminareo ty andro ze hangalan-drozy anareo amy ty firango, sady ty sisa aminareo amy ty vinta." ³Hiboaky amy azy vaky iny eo amy ty vala ty tanà ao nareo, samby hanity amy zay iaby, sady hatoraky ambaliky any mana Harmona anynareo ---zay ro fanambara Yaveh. ⁴"Mandehana a-Betela any le manotà, a-Galgala any ka le ampitombo ty fahotà, andeso isaky-maray ty soronareo, ty ampahafolon-kanananareo isaky ty telo andro. ⁵Manomeza soro fanomezam-pisaora miarakay amy ty mofo; manambarà fanomezan-tsitsapo; torio rey, fa teatea nareo zay, olon'Israely ---zay ro fanambara ty Tompo Yaveh. ⁶Nameako fanasa hy nareo tamy ty tanà nareo iaby any sady tsy fahampea ty mofo tamy ty toeranareo iaby eo. Kanefa tsy nimpoly tamiko avao nareo---zay to fanambara Yaveh. ⁷Nisakana ty ora tsy ho aminareo eo avao koa Zaho laha mbo nisy telo vola hambolea. Nasiako ora tamy ty tanà raiky eo, sady nanoviko tsyvhisy ora tamy ty tanà raiky hafa eo. Ty antsasan-tany nisy ora, fa ty antsasany hafa ze tsy mba nisy ora ro maiky. ⁸Tanà roe na telo ro nivembé nana amy ty tanà raiky hafa any mba hinoma rano, fe tsy afa-po. Kanefa tsy nimpoly tamiko avao nareo ---zay ro fanambara Yaveh. ⁹Nampijaly anareo tamy ty hamaiky ty voly noho ty tomakoly zaho. Ty halako ty baibonareo, ty tanim-bolobokinareo, ty hazon'aviavinareo, sady ty hazonn'olivanareo---fa narapaky ty galala iaby ndrozy iaby. Kanefa tsy nimpoly tamiko avao nareo--- zay ro fanambara Yaveh. ¹⁰Nandeha arety-mandrava taminareo eo manahaky ty tamy Egipta eo Zaho. Nivonoko tamy meso-bevata ty pamarakinareo, nalako ty sovalinareo, sady nanoviko tamy ty vavanoronareo eo ty hamantsy ty tobinareo. Kanefa tsy nimpoly tamiko avao nareo--- zay ro fanambara i Yaveh. ¹¹Nandrava tanà taminareo eo Zaho, manahaky ty tamy ty nandravan-Janahary an'i Sodoma noho Gomora. Fa sahala amy ty tapa-kazo mirehitsy nisintony baka amy ty afo ao nareo. Kanefa tsy nimpoly tamiko avao nareo--- zay ro fanambara Yaveh. ¹²Laha zay le hanao raha mandaginy aminareo Zaho, Israely; sady safe hanao raha mandaginy aminareo Zaho, le mihomana hifanojiky amy Njanaharinareo, Israely! ¹³Fa ingo, azy nanao ty vohitsy iny avao koa ro nanao ty tsioky, mampitoto ty hevitsiny amy ty anak'olombelo, mahavy ty maray ho maiky, sady manosiho ty toera abo ty Tany. Yaveh, Njanahary Tompo ty lako, to anarany."

Chapter 5

¹Janjino safa ze nalako ho fitoreva aminao eo toy, longon'Israely. ²Lavo ty aja mapela tsy mahasaky lahin'Israely; sady tsy hitsanga sasy ie; nazera tamy ty taniny ie; sady tsy misy ndra raiky aza hampitsanga azy. ³Fa zao ro volany ty Tompo Yaveh: "Tanà ze niboaha ty arivo raiky iny le hanana zato tavela, sady raiky ze niboaha ty zato iny ro hanana folo tavela ze ahy ty longon'Israely. "Fa zao ro volany Yaveh tamy ty longon'Israely hoe: "Ilaao Zaho le ho veil iha! ⁵Mba ka mila an'i Betela; na militsy a-Gilgata any; mba ka mandeha A-Beri-sheba any. Fa Gilgala ro azo antoky fa ho tea, sady hanjary tsinotsino i Betela. ⁶Teavo Yaveh ro ho velo iha, laha tsy zay le hiboaky manahaky ty afo amy ty longo I Josefa ao Ie. Hampikapaky zay, sady tsy hisy ndra ia ndra ia hamono zay a-Betela any. ⁷Olo rey le hamaliky ty rariny ho raha-mangily sady hanoraky ty fahamarina amy ty tany!" ⁸Njanahary nanao an'Ikotokelimiadilaona noho ty Telonohorefy; mamaliky ty haiky ho maray Ie; manao ty andro ho maiky miaraky amy ty haly Ie sady mikaiky ty rano ty riaky; mandraraky amy ty velaran-tany rey Ie. Yaveh ro anarany! ⁹Mandaiza fandrava tampoky amy ty mahery eo ie mba ho avy amy ty fiarova mahery ty fandrava eo. ¹⁰Malay ty olo iaby ze manity androzy amy ty vavahady ty tanà ao Ie, sady malay ty olo iaby ze mivola ty marina androzy. ¹¹Safe manitsakitsaky mijaly rey iha sady mangalà antsasam-bary aminy--- na le nanory tsano vita tamy ty vato aza iha, le tsy hipetsaky amy zay ao. Mana tanim-boloboky soaso aza iha, kanefa tsy hino ty divay zay iha. ¹²Fa haiko ty hisaky handikan-dalànao noho ty habevata fahotanao rey --- iha ze mampijaly ty rariny, mandramby kolikoly, sady mivio amy ty olo mila fanampea rey amy ty vavahady ty tanà ao. ¹³Laha zay le tsy mivola amy ty fotoa manahaky zay ty olo-hendry, safe fotoa raty zay. ¹⁴Milà ty soa fa tsy ty raty, mba ho velo iha. laha zay Yaveh, Azy Njanahary ty lako iny, le tena hitahy anao, manahaky ty volaninao fa Ie. ¹⁵Halano ty raty, teavo ty soa, apetsaho ty rariny amy ty vavahady ty tanà ao. Vasa Yaveh, azy Njanahary ty lako hamalo fo amy sisa nenga i Josefa iny. ¹⁶Laha zay, zao ro volany i Yaveh, azy Njanahary ty lako iny, ty tompo hozao: "Ty fidradradradra ro ho amy ty efatsy-zoro rey iaby, sady hivola zay amy ty lala any iaby ndrozy, 'Loza, loza!' Hikaiky mpamboly rey mba ho amy ty fisaona ndrozy sady malahelo rey mba hidradradradra. ¹⁷Hisy fidradradradra amy tanim-boloboky iaby rey ao, safe nandalo anivonareo ao Zaho," hoasa Yaveh. ¹⁸Loza ho anareo ze maniry ty andro i Yaveh! Nanino nareo ro maniry ty andro i Yaveh? Ho faiky zay sady tsy hisy hazava, ¹⁹manahaky ty olo lafa milay liona noho bera mifanojiky aminy, na militsy amy ty tsano ao noho mampipetsaky ty tanany amy ty vala eo sady manehitsy azy ty menarana. ²⁰Moa va ty andro i Yaveh tsy maiky fa tsy hazava? Haikim-pito sady tsy misy famirapiratsy?" ²¹Hejiko, hanoviko tsinotsino ty fifalefaleanareo, tsy mangalaky maminy amy goropinareo mihetsiketsiky rey Zaho. ²²Na le manome fanomeza oroa noho fanomeza hohany Amiko aza nareo, le tsy handramby rey Zaho, na hanenty ty fanomezam-pilonga biby matavinareo rey. ²³Alao amiko ty korakoraky hiranareo rey; tsy hijanjy ty feo ty lokanganareo zaho. ²⁴Fa koa, engao hirotsaky manahaky ty rano ty rariny, sady ty fahamarina manahaky ty renirano mirotsaky zisiky farany. ²⁵Nanday soro noho fanomeza tan-efitsy any anay ty efa-polo tao ho ahy va nareo, longon'Israely? ²⁶Hanonjotsy an'i Sokita ho mpanjakanareo nareo, sady Kiona, Njanahary ty kintanareo --- sampy ze nanovinareo ho ahy nareo. ²⁷Laha zay le halefako sesin-tany mandilatsy i Damaskosy nareo," hoasa Yaveh, ze Njanahary ty lako iny ro anarany.

Chapter 6

¹Loza ho ahy ze mahazo ay a-Ziona ao rey, sady ho ahy ze milamy rey amy ty tany vohitsy i Samaria ao, olo-malaza baka amy firenea soa bibiky rey, ze hiavia ty tariha Israely mba ho vonje! ²Hoasa mpitariky nareo rey: "Mandehana a-Kalne any ka le manentea; bakao ro mandeha a-Hamata any, azy tanà bevata iny; bakeo le mijotso a-Gata any Filistina rey. Moa va soa noho fanjakanao roe rey? Moa va bevata noho ty faritaninao ty faritanin-drozy?"³Loza ho an'i ze mampihemotsy ty andro ty loza rey noho mampanariny ty seza fipetsaha ty heriloha.

⁴Miroro an-kitsely eo ivory ndrozy sady mitsekatseka ankitselin-drozy eo. Mihina anak 'aondry baka amy aondry noho aosy rey ndrozy sady anak'aondry baka amy ty fihinanam-biby.⁵Nihira hira ty adaladala tamy ty feo ty harpa rey ndrozy; namoromporo raha-maneno manahaky ty nanovy i Davida. ⁶Nino divay tamy ty lovia mainty ndrozy sady nihosotsy solo-bonio soa bibiky, nefa tsy nalahelo ty amy ty faharava i Josefa.⁷Ka le handeha antsesitany miaraky amy sesin-tany velohany rey ndrozy amy zao, sady ty fifalefalea ze mitsekatseka rey le ho rava.

⁸"Zaho, Tompo Yaveh, le fa nitahy tamy ty vatako ---zay ro fanambara ty Tompo Yaveh, Njanahary Tompo ty lako, hejiko ty firengirengy i Jakoba; hejiko ty fiarova maheriny. Ka le hanome ty tanà mbamy ze iaby aminy ao Zaho."⁹Sady laha misy folo lahy tavela an-tsano raiky ao, le ho maty iaby ndrozy iaby.¹⁰ Laha misy Longo-ty lahilahy avy mba hangalakany ty fatin-drozy--- ty raiky ze handoro ty fatin-drozy afara ty handaisany faty miboaky ty tsano rey---laha mivola amy ty olo an-tsano ao ie hoe: "Misy olo miaraky aminao va ao?" Laha mamaly olo zay hozao: "Mamantsy, fa ao tsika tsy hanono ty anara Yaveh. "¹¹Fa, ingo, hanome beko Yaveh, ka le ho torotoro ty tsano bevata sady ho torotoro ty tsano kelikely.¹²Moa va ty sovaly milailay amy ty harambato? Moa va misy olo mitolo aomby ao? Nefa namaliky ty fahamarina ho poizy nareo sady ty vokatsy ty fahamarina ho fangilia. ¹³Nareo ze mifaly amy i Lodebara, ze manao hozao: "Moa va tsy fa nangalakany an'i Karnaima tamy ty herinay avao zahay?"¹⁴"Nefa Ingo, hampitsanga firenea hanohitsy anareo Zaho, tariha Israely ---zay ro fanambara ty Tompo Yaveh, Njanahary Tompo ty lako. Hampijaly anareo manomboky a-Lebo-hamata ao zisiky amy ty lohambaibondriaky i Araba ndrozy."

Chapter 7

¹Zay ro natoro Yaveh tamiko. Ingo, namoro valala bevata ie lafa nanomboky niakatsy ty vokatsy ty lohantao, sady ingo, taraiky ty vokatsy tafara ty vokatsy ty mpanjaka. ²Lafa baka nihina ty vokatsy ty tany ndrozy, le hoasako: "Tompo Yaveh e, mba mamaloza fo amiko lahy, manao akory ro hiveloman'i Jakoba? Safe le tena kelikely ie?" ³ka le nampijano ty mikasiky zay Yaveh. "Tsy hiboaky zay", Hoy Ie. ⁴Zao ro natoro i Tompo Yaveh ahy: Ingo, mikaiky amy ty fitsara ty afo ty Tompo Yaveh. Zay ro nanamaiky ty tany malalaky, ty rano laliky ambany tany sady handrava ty tany avao koa. ⁵Kanefa hoy zaho hozao: "Tompo Yaveh e, ajanono lahy; manao akory ro hiveloma i Jakoba? Fa tena mijaly ie." ⁶Le nampieny ty mikasiky zay i Yaveh hoe: "Tsy hitsanga avao koa zay," hoasa ty Tompo Yaveh. ⁷Zao ro Natorony ahy: Ingo, nitsanga tanila ty rindry eo ty Tompo, niaraky tany ty vato pilao tan-tanany eny. ⁸Yaveh nanao tamiko hozao: "Amosa, Ino ro hitanao?" Le hoy zaho: "Vato pilao milahatsy." Sady hoy ty Tompo hozao: "Ingo, hampipetsaky pilao amy Israely eo olo lakoko Zaho. Tsy hamalo fo amin-drozy sasy Zaho. ⁹Harava fipetsaha abo i Israely rey, hotoroe fipetsaha masy ty Israely rey, sady hitsanga hanohitsy amy ty meso-bevata ty tariha i Jeroboama Zaho." ¹⁰Sady Amazia, azy mpisoro i Betela iny, nandefa hafatsy tany ty Jeroboama any, mpanjakan'Israely hozao: "Fa nitetiky hanohitsy anao anivo ty tarihan'Israely tarihan'Israely eo I Amosa. Tsy anaky ty tany safany iaby rey. ¹¹Fa zao ro safa i Amosa: 'Ho maty amy ty meso-bevata i Jeroboama, sady ho sesin-tany hiala amy ty taniny avao ty Israely.'" ¹²Amazia nivola tany i Amosa hozao: "Mpahita, mimpolia amy ty tany i Joda any, sady mihinana mofo noho faminania any. ¹³Fa mba ka manao faminania a-Betela eto sasy, safe fipetsaha masy ty mpanjaka noho tsano ty mpanjaka toy." ¹⁴Le hoasa Amosa tany i Amazia hozao: "Tsy mpaminany zaho na anaky ty mpaminany. Mpiemby aondry noho aosy mpikarakara hazo amontana sady aviavy zaho. ¹⁵Fa nangalaky ahy baka ampandinasa aondry eny i Yaveh sady nivola tamiko hozao: "Mandehana, ka le maminania amy ty Israely olo lakoko." ¹⁶Amy zao mijanjy ty safa Yaveh. Hoy iha hozao: "Mba maminany hanohitsy an'Israely, sady mba ka manohitsy ty tariha Isaka." ¹⁷Laha zay le zao ro volany Yaveh: "Ho lasa mpamaro-bata an-tanà ao ty valinao; anakilahinareo rey noho anaka, pelanareo rey le ho tonta amy ty alala ty meso bevata; hometary ty taninao sady hozara; ho maty amy ty tany maloto ao iha, sady halefa sesin-tany hiala amy ty taniny ao vatany ty Israely."

Chapter 8

¹Zao ro natoro ty Tompo Yaveh tamiko. Ingo, voankazo ty fahavaratsy sobiky raiky! ²Hoy ie hozao: "Ino ro hitanao, Amosa e?" Le hoasako hozao: "Ty sobiky ty voankazo fahavaratsy." Lehoy i Yaveh tamiko hozao: "Fa avy amy Israely olo lakoko ty farany; tsy hamalo fo amin-drozy sasy zaho. ³Ho avy fidradradradra ty hira ty egilizy. Tamy andro zay---zay ro fanambara ty Tompo Yaveh. Ho lako faty rey, le hatoran-drozy milamy amy ty iaby eny!"⁴Janjino zao, nareo ze manitsaky ty ory noho maniliky ty mijaly ty tany. ⁵Hivola androzy hozao: "Ombia ro ho tampitsy ty vola vaovao, mba hafahantsika mamatotsy vary ndraiky? Ombia ro ho tampitsy ty andro Sabata, mba hahafahantsika mamarotsy vary? Hanovintsika kelikely ty famarana sady hampiaky ty vilim-bary, sady hangalatsy amy ty henty diso tsika." ⁶Zay ro mba hahafahantsika mamarotsy vary raty, vilio amy ty volafoty ty ory, sady ty mijaly amy ty kapa."⁷Nitahy tamy ty firengirengy i Jakoba i Yaveh hozao: "Tena tsy halinoko zisiky farany mihintsy ty nanovin-drozy." ⁸Tsy hihorohoro manahaky zay va ty tany, safy ty olo iaby ze mipetsaky ho amy zay ao le misaona? Ty halakoa zay le hitsanga manahaky ty Ony i Neily, sady hisavontavonta noho hilentiky ndraiky zay, manahaky ty Ony ty Egipta."⁹Le ho avy zay amy andro io --- zay ro fanambara ty Tompo Yaveh--- fa hampiposaky ty masoandro amy ty mitatao vovona Zaho, sady hampaiky ty tany amy ty atoandro. ¹⁰Hamaliky ty fifalefaleanareo ho fisaona Zaho sady hiranareo rey ho fitania. Hampananoviko ty akanjo fisaona iaby nareo iaby sady ho sola ty loha ty kirai-draiky. Hanao zay hanahaky ty fisaona ho ahy ty anakilahy velohany zay, sady andro mangily amy ty fara zay any."¹¹Ingo, avy ty andro ---zay ro fanambara ty Tompo Yaveh--- Lafa handefa mosary amy ty tany eny Zaho, tsy mosary mofo, na koa hetaheta rano, fa ho amy ty fahareza safa Yaveh rey. ¹²Hivembe amy ty riaky ndrozy; le hilailay baka avaratsy any ka le zisiky antinana any mba hila ty safa Yaveh, fe tsy hahita zay ndrozy."¹³Amy andro zay aja ampela soa tarehy tsy mahasaky lahy noho pamaraky rey le ho hijano ty hetaheta. ¹⁴Ze naniry tamy ty fahota i Samaria rey le ho tonta ndrozy sady tsy hitsanga sasy.

Chapter 9

¹Nahita ty tompo nitsanga tanila ty Alitara eo zaho, sady hoy ie hozao: "Vangò ty tsifa andryrey mba hihozo fototsy rey. Torotoro ty amy ty lohany iaby eny, sady hamono amy ty meso-bevata ty sisa engà amin-drozy Zaho. Tsy misy raiky hilay amin-drozy, ray misy ho tafalay amin-drozy. ²Ndra handavaky amy ty fiainan-tsihita any aza ndrozy, le ty tanako ro hangalaky androzy any. Ndra ro hiakatsy amy ty alitara eny aza ndrozy, le handesiko mijotso. ³Ndra ro mivony anabo ty Karmela any aza ndrozy, le hika-roky sady hangalaky androzy any Zaho. Ndra le mivony ambany ty riaky any aza ndrozy, le haniraky ty bibilava any Zaho, sady hanehitsy androzy zay. ⁴Ndra le mandeha amy ty fahagadra any aza ndrozy, andesiny ty fahavalo alohan-drozy eo, hanompo androzy zay. Hanenty androzy avao ty masoko mba hanimba fa tsy hanao soa androzy." ⁵Yaveh Tompo ty lako ro nikasiky ty tany sady lasa karakaina zay; ty iaby ze miay amy zay ao le misao; hiakatsy manahaky ty Ony iaby zay, sady hilentiky ndraiky manahaky ty ony i Egipta, ⁶Ie ro nanamboatsy tohany rey an-danitsy any, sady fa nampipetsaky ty andohan-kosony mameno ty tana. Nikaiky ty rano ty riaky Ie, sady nandraraky zay tany ty velaran-tanin-drozy eo, Yaveh ro anarany. ⁷Tsy manahaky ty olo lako i Etiopia va nareo ho ahy, olo lakon'Israely? ---zay ro fanambara Yaveh. Tsy nanday an'Israely hiboaky an'i Egipta, Filistina baka Kreta any rey, sady Syria baka Kira any rey va Zaho? ⁸Ingo, amy ty fanjaka mpanota eo ty maso ty Tompo Yaveh, sady hanombotsy azy tsy ho anabo ty tany eto zaho, kanefa tsy hampitoroa tanteraky ty tsano i Jakoba zaho ---zay ro fanambara Yaveh. ⁹Ingo, hanome beko, sady hanozongozona ty anak'Israely amy ty firenea iaby eny Zaho, manahaky ty olo maniva vary amy ty siva, mba tsy hilatsaha ty vato kelikely amy ty tany. ¹⁰Ty mpanota iaby baka amy ty olo lakoko ro ho faty amy ty meso-bevata, ze mivola hozao rey: "Tsy hahatsatsy ndra hamonjy andry ty loza." ¹¹Amy ze andro hanangana ty trano-lay i Davida ze nilavo Zaho, sady hanampea bangany rey. hatsangako faharava rey, sady hamboariko hanahaky ty tany ty andro taloha zay. ¹²Mba ka hananan-drozy ty sisa tavela an'i Edoma, sady ty firenea iaby ze nikaihy tany ty anarako ---zay ro fanambara Yaveh---nanao zay Ie. ¹³Ingo, ho avy andro iny---zay ro fanambarà Yaveh--- lafa mahatsatsy ty fanamboara rt mpiasa-tany, sady mpihary voloboky rey le hahatsatsy azy ze namboly ty voany. Vohitsy rey ro hampiboiboiky divay mamy, sady vohitsy iaby rey le hirotsaky miaraky amy zay. ¹⁴Handesiko mimpoly baka amy ty fahagadra any ty olo lakoko Israely. Hananga tanà nirava ndrozy rey sady hipetsaky amy zay, hamboly tanim-boloboky ndrozy sady hino ty divay zay, sady hanao zariday ndrozy sady hihina ty vokatsy zay. ¹⁵Hamboly zay amy ty tanin-drozy eo Zaho, sady tsy hiombotsy amy ty tany ze nameako androzy eo sasy mihintsy ndrozy," hoasa Yaveh Njanaharinareo.

Obadiah

Chapter 1

¹Ty fahita i Obadia. Zay ro volany ty Tompo Yaveh mikasiky an'i Edoma: Fa nahare tatitsy baka amy Yaveh noho ty masoivoho ze nalefa ho amy firenea rey eo zahay, nanao hozao: "Mitsangana! Enganie tsika hitsanga mba hialy hanohitsy azy!" ²Ingo, hanoviko kelikely amy firenea eo iha, hanoviko tsinotsino tanteraky iha. ³Namitaky anao ty firengirengy ty fonao, iha ze mipetsaky an-tsisitsisy ty vato, amy ty tsanonao abo; ze manao anakam-po hoe: "Ia ro hampijotso ahy ho amy ty tany any?" ⁴Ndra le mitily abo manahaky ty voromahery noho natsanga tany basia rey teo aza ty akaninao, le hampijotso anao bakeny Zaho, hoasa Yaveh. ⁵Laha avy aminao ao ty mpangalatsy, laha avy haly ty malaso (manao akory ro faharavanao!), moa va tsy ze ampy azy avao ro angalariny? Laha avy taminao ao ty mpihary voloboky? moa va tsy niraraky eo rey? ⁶Hentao ty filà an'i Esao, noho ty filà hanana tsy hitany rey! ⁷Lahilahy iaby nifanaraky taminao rey ro handefa anao amy ty lalanao mana amy ty sesin-tany any. Lahilahy nilongo taminao rey ro fa mamitaky anao, sady nandresy anao. Ze mihina ty mofonao rey ro fa nampipetsaky fandriky tambaninao eo. Tsy misy fahazavan-tsany aminy so. ⁸"Moa va tsy amy andro zay zaho" hoy i Yaveh, "ro hampitoro lahilahy hendry rey baka Edoma any noho mazava say am-bohitsy i Esao ao? ⁹Ho hatahotsy lahilahy maherinao rey, Temana, ka le ho rava amy ty alala ty famonoa baka am-bohitsy i Esao any ty lahilahy iaby. ¹⁰Laha ty heriloha nanovy tany i Jakoba rahalahinao, le ho atsiky henatsy iha, sady ho rava mandrakizay. ¹¹Tany ty andro namitsahanao, tany ty andro nandaisa vahiny rey ty fananany, noho ty nilira hafa firenea rey ty vavahadiny, sady ty nananova loka an'i Jerosalema, le manahaky ty raiky tamin-drozy iha. ¹²Fa mba ka mifaly amy ty andro ty rahalahinao, amy ty andro ty fahavoazany, sady mba ka mifaly amy olo lako i Joda rey amy ty andro handrava azy eo; mba ka mirengirengy amy ty andro maha-malahelo androzy. ¹³Mba ka militsy ty vavahady ty olo lakoko amy ty androm-pahavoazan-drozy, mba ka mifaly amy ty fijaleany amy ty andro hahitany loza, mba ka mandrava ty fananan-drozy amy ty andro maharava azy. ¹⁴Mba ka mitsanga an-tsapanan-dala eo,

mba handrava mpilay rey sady mba ka manome ty sisa tsy matiny amy ty andro maha-malahelo.¹⁵Fa anila ty firenea iaby ty andro i Yaveh. Manahaky ty nanovinao, ro mbo hanovy aminao; himpoly andohanao ao ty raha-vitanao.¹⁶Fa manahaky ty fa ninominao tam-bohitsiko masy ao, ro hinoma firenea iaby tsy an-kiato rey. Hino noho hitely ndrozy, sady hanahaky ty tsy aroy ndrozy.¹⁷Fa am-bohitsy Ziona any ro hisy ze tafalay rey sady ho masy zay; sady ty tariha i Jakoba hahazo ty fananany manoka.¹⁸Ty tariha i Jakoba ro ho afo, sady ty tariha i Josefa ro ho lelan'afo, sady ty tariha i Esao ho lila, sady handoro azy ndrozy zay, ka le handrava androzy. Tsy hisy ho velo ty tariha i Esao, safe zay ro safa i Yaveh.¹⁹Ze baka amy i Negeva rey ro hana ty vohitsy i Esao sady ze baka Sefela hanana ty tany Filistina rey any. Hanana ty tany i Efraima noho ty tany i Semaria ndrozy; sady Benjamina hanana an'i Gileada.²⁰Sesin-tany ty anak'Israely lako rey ro hana ty tany Kanana ka le zisiky Zarefata any. Sesin-tany i Jerosalema rey, ze a-Sefarada any ro hana ty tanà i Negeva.²¹Mpamonjy rey ro hiakatsy am-bohitsy Ziona any sady hanapaky mameno ty tany vohitsy i Esao, sady ty fanjaka ro an'Yaveh.

Jonah

Chapter 1

¹Sady avy tamy i Jona teo anakilahy i Amitahy ty safa i Yaveh, manao hozo: ²"Mitsangana sady mandehana a-Ninive any, ze tanà tena bevata, sady Miresaha ty mikasiky zay, safe fa niakatsy tanilako eo ty haratian-drozy." ³Fa nitsanga i Jona mba hilay ty famonjea i Yaveh sady nandeha ta Tarsisy any. Nijotso ta Jopa any ie sady nahita sambo hiala ho Tarsisy any. Ka le naloany ty saran-dala niaraky tamy azy sambo iny niaraky tamin-drozy ao ho Tarsisy any ie, lavitsy ty famonjean-Janahary.⁴Fa nandefasa Yaveh tsioky mahery tamy ty riaky eny sady le nanjary talio tamy ty riaky eny zay. Tsy ela tsy ela teo le hita fa ho toro sambo iny. ⁵Sady nanjary natahotsy maré tantsambo rey ka le nikaiky maré ty njanahariny manoka. Natorakin-drozy tan-driaky any ty enta tamy sambo iny ao mba hampaiva zay. Fa Jona koa nijotso laliky tamy sambo iny, sady nantsilany azo ty roro ao.⁶Ka le namonjy azy ty kapitenib-tsambo sady nivola taminy hozo: "Nanino iha ro miroro? Mitsangana! Kaiho ty njanaharinao! Mety mba hahita antsika ty njanaharinao ka le tsy ho maty tsika." ⁷Nifampiresaky ndrozy iaby nanao hozo: "Mamonjy, andao tsika hanao ankitsapaky, mba hafahantsika mahay hoe ia ro antony loza miseho amintsika zao." Ka le nanovin-drozy ty ankitsapaky, sady nilatsaky tamy i Jona teo zay.⁸Le hoasan-drozy tamy i Jona hozo: "Mba volano anay lahy hoe ia ro antony Liza miseho amintsika zao. Ino ro asanao, sady baka aia iha? Ino ro fireneanao, sady baka amy ty olo lako ia iha? ⁹Hoasa Jona tamin-drozy hozo: "Hebreo zaho; sady matahotsy an'Yaveh, azy Njanahary ty lanitsy, ze nanao ty riaky noho ty tany maiky iny." ¹⁰Sady vo maiky niha-natahotsy lahilahy rey ka le nivola tamy i Jona hozo: "Fa ino nanovinao toy?" Fa hay lahilahy rey fa nilay ty famonjea i Yaveh ie, safe nivolaniny tamin-drozy.¹¹Sady hoasa ndrozy tamy i Jona hozo: "Ino ro tokony hanoviny aminao mba hampilamy ty riaky ho anay?" Safe niha-nanonja maré le mahery ty riaky. ¹²Hoasa i Jona tamin-drozy hozo: "Rambeso zaho sady atoraho anay riaky any. Sady hilamy ho ahy nareo ty riaky, safe haiko fa noho zaho ro mahavy talio zao hiseho aminareo." ¹³Ndra le zay aza, le namohy maré lahilahy rey mba hampimpoly androzy an-tany eny, fe tsy afaky nanao zay ndrozy safe niha-nahery ty riaky nanohitsy androzy.¹⁴Laha zay le nikaiky maré an'i Yaveh ndrozy sady nanao hozo: "Mitalaho Aminao zahay, Yaveh, mitalaho Aminao zahay, mba ka enga ho maty noho ty ay lahilahy toy zahay, sady mba ka halefa aminay ty fahafatesa, safe Iha, Yaveh, le fa nanao manahaky ze sitsaky ty fonao." ¹⁵Ka le nirambesin-drozy i Jona sady natorakin-drozy tanay riaky any, sady nijano tsy nisaofy ty riaky. ¹⁶Bakeo le natahotsy maré an'i Yaveh lahilahy rey. Nanome soro ho an'i Yaveh ndrozy sady nanao voaly.¹⁷Sady fa nanoma fia bevata hitely an'i Joda i Yaveh, ka le nijano tanay ty vovo fia iny telo andro noho telo haly ao i Joda.

Chapter 2

¹Bakeo le nivavaky tamy Yaveh Njanahary baka an-tsarotso azy hazan-drano iny i Jona. ²Hoy ie hozao: "Nikaiky an'Yaveh aloha ty fiJaleako zaho ka le namaly ahy Ie; baka an-tsarotso ty Fiainan-tsy hita any ro nikaihako hazolava! Le renao ty feoko.³Fa natorakinao tamy ty laliky any zaho, tamy ty farany laliky ty riaky any, sady niodidy ahy ty herin-driaky; nanafotsy ahy iaby ty onja noho olon-dranonao. ⁴Hoasako hozao: 'Voaroaky tsy ho aloha ty masonao ro zaho; lanefa le mbo hitoliky hanatsiky ty egilizy nao masy.⁵Nihily niodidy ahy ka le zisiky amy ty vozoko any ty rano; sady niodidy ahy vatany ty laliky; nitsiboky niodidy ty lohako ty akata-drano. ⁶Nijotso tam-pototsy vohitsy rey any zaho; le hihily tamiko mandrakizay ty tany noho ty hiliny. Kanefa mbo nampiakatsy ty aiko baka an-davaky ao Iha, Yaveh, Njanahariko!⁷Laha vozaky tanaiko ao ty fanahiko, le nahatiaro an'Yaveh zaho; le avy taminao eo ty fivavahako, tamy ty egilizinao masy ao. ⁸Ze mijanjy njanahary tsy misy dikany rey ro manary ty fahatokisanao aloha ndrozy.⁹Fa laha ty amiko koa, le hanao soro ho ahy Nao amy ty feo fanomezam-pisaora saho; ho tanterahiko ze fa nivoaliako. ¹⁰Baka amy Yaveh ty famonjea!" Le nivola tamy ty hazandrano i Yaveh, sady naloany tamy ty tany maiky eny i Jona.

Chapter 3

¹Sady avy tamy i Jona fanindroeny ndraiky ty safa Yaveh nanao hozao: ²"Mitsangana, mandehana mana Ninive any, tanà bevata iny, sady torio aminy ty hafatsy ze ibekoako anao." ³Sady le nitsanga Jona ka le nana Ninive any tamy ty fankatoava ty safa Yaveh. Sady Ninive ro tanà bevata vatany, raiky amy lala herin'andro rey.⁴Nanomboky nilitsy ty tanà i Jona sady tafara ty lala ndraik'andro ro nikaiky mare ie sady nivola hozao: "Horava i Ninive anay ty efapolo andro ao." ⁵Nanenky an-Janahary ty olo lako ta Ninive ao sady nikaiky fifalian-kany iaby ndrozy iaby. zisiky amy ty bevata bibiky any ka le zisiky amy ty kelikely bibiky any amin-drozy.⁶Tsy ho ela le hoavy tamy ty mpanjaka i Ninive eo azy vaovao iny. Le nitsanga baka amy ty seza fipetrahany eo ie, nangalaky ty akanjom-boninahitsiny, ka le nampisaro ty vatany tamy ty siky fisaona, sady nipetsaky tan-davenoky eo. ⁷Nandefa fanambara ie nivola hozao: "Eto Ninive, amy ty fahefa ty mpanjaka noho ty olo-man-kajany, engao tsy hisy olo na biby, aomby na aondry noho aosy, hitondro raha. Engao tsy hihina ndrozy, na hino rano."⁸Fa engaho ty biby noho olo hisaro siky fisaona sady engao ndrozy hitireo maré amin-Janahary. Engaho ty kirai-draiky samby hiala amy ty lalan-dratiny noho amy ty heriloha ze an-tanany eo. ⁹Ia ro mahay? Mety haneny avao Njanahary ka le hiova hevitsy sady hiala amy ty halagininy ka le tsy ho rava tsika."¹⁰Hitan-Njanahary ty nanovin-drozy, fa niala tamy ty lalan-dratiny ndrozy. Laha zay le niova hevitsy Njanahary ty amy ty fanasazia ze nivolaniny hanoviny amin-drozy, ka le tsy nanoviny zay.

Chapter 4

¹Fa tsy nahafaty an'i Jona zay ka le nanjary meloky mare ie. ²Laha zay le nivavaky tamy Yaveh i Jona sady nanao hozao: "Oh Yaveh, tsy zao va ro fa nivolaniko taminao lafa tafam-poly tamy ty fireneako any zaho? Zay ro antony nihetsehako velohany noho niezahako hilay ta Tarsisy any--safe haiko fa Njanahary mpanarivo hasoava, maharim-po, tsy tea meloky, atsiky fatokisa, sady manenty amy ty mandefasa loza Iha. ³Ka le amy zao, Yaveh, mangataky aminao zaho, alao amiko ty aiko, fa soa ho ahy ty ho maty manahaky ze ho velo." ⁴Hoy Yaveh hozao: "Mety va helokinao maré zao?" ⁵Le niboaky ty tanà i Jona sady nipetsaky tamy ty ilany antinana ty tanà eny. Tany ro nananovany fialofa ka le nipetsaky tambany ty aloky zay eo ie mba hahitany ze mety hahazo ty tanà. ⁶Nanoma hazo Yaveh Njanahary ka le nampaniry zay tanabo i Jona eo hanalokaloky ty lohany mba tsy hampisy dikany ty fijaleany. Tena faly vatany i Jona noho ty amy hazo iny. ⁷Fe nanoma soko Njanahary tamy ty fiboaha ty masoandro ty maray marain-dray. Namango ty hazo zay ka le maiky hazo iny. ⁸Sady lafa niboaky ty masoandro ty maray marain-dray, le nanoma tsioky-mafana baka antinana any Njanahary. Sady koa, nanenga ty loha i Jona ty masoandro hondy ka le lany hery ie. Le naniry ty hahafaty azy i Jona. Hoy ie tamy ty vatany hozao: "Aleo maty manahaky ze ho velo." ⁹Sady hoy Njanahary tamy i Jona: "Mety va helokinao bevata ty amy azy hazo iny zao?" Le hoasa i Jona hozao: "Mety ty helokiko, ndra ho amy ty hahafatesa aza." ¹⁰Hoasa Yaveh hozao: "Nangoraky an'i azy hazo iny iha, ze tsy niasanao, ndra nampanirinao. Naniry tanay ty haly raiky ao zay sady maty tanay ty haly raiky ao. ¹¹Manahaky zay koa ty Amiko, tsy tokony hangoraky an'i Ninive, tanà bevata iny, ze misy olo lako mandilatsy ty zato noho roa aly ze tsy mahay ty fahasambihafa amy ty tana ankavana eo noho ty tana ankavian-drozy, noho biby hare lako rey avao koa va Zaho?"

Micah

Chapter 1

¹Zao ty safan'Yaveh ze niavy tamy Mika Morasista tamy andron'i Jo tama, Ahaza, nnoho i Hezekia, azy mpanjaka an'i Joda rey, ty safa ze nihitany mikasiky an'i Samaria noho Jerosalema. ²Mijanjina, nareo olo rey. Mijanjina nareo tany rey, noho ze kila raha iaby aminy ao. E ngaho i Tompo Yaveh ro ho vavolombelo hanohitsy anareo, ty Tompo baka amy ty fiangonany masy ao. ³Ingo, fa miboaky baka amy ty fipetrahany Yaveh; nijotsy ie sady nanitsaky amy ty fipetraha anabo ty tany eny. ⁴Azy vohisy rey mihena ambaniny eo; Azy tany lemaky rey mitranaky manahaky ty savoky alohany ty afo, manahaky ty rano ze aily amy ty lavaky. ⁵Kila raha iaby zay le baka amy ty tsy fidarian'i Jakoba, noho ty fahota Israely. Ino ty nahavy ty tsy fidarian'iJakoba? Vatsy Samaria? Ino ty antony fitoera anabo i Joda rey? Va tsy Jerosalema? ⁶Hanoviko ho korotam-bato ambaibo eny i Samaria, manahaky ty toera famboleam-boaloboky. Hatosiko aloha ty tany lemaky ty orim-batony; le hampiboaky ty fanambaniany. ⁷Ho voapotipotiky ty kila sary vonga iaby; sady ho ma iaby ty fanomezany. Azy sampiny iaby rey ho ravako. Safe baka amirey ty fanomeza ty fandrantonany ro namoriany anirey, sady baka amy ty tangy ty hamakorely ro nieritseretany anirey. ⁸Antony zay no nahavy ahy hitoreo noho nikorakoraky; handeha tsy an-kapa noho tsy an-tsiky zaho; hikorakoraky manahaky ty alika ly zaho sady hisaona manahaky ty voron-dolo. ⁹Fa tsy ho janga sasy ty feriny, safe baka a Joda zay. Fa nahatratsy ty vavahady ty olo zay, le ahy Jerosalema. ¹⁰Ka mivola mikasiky zay a Gata any; ka mitany mihintsy. a Beti-le afra ao zaho ro mihositsy posiera ty vatako. ¹¹Mandrioa amy ty tsy antsiky noho henatsy, azy mpipetraky a Safira any. Ka miboaky azy mpipetraky aZanana any rey. Engaho hisaona i Betihaezela, safe nala ty fiarovan-drozy. ¹²Fa mandiny amy ty fahatahora bty vaovao soa azy mpipetraky a Marota any rey, safe nilatsaky baka amy Yaveh ho amy vavahadin'Jerosalema ty loza. ¹³Feheo amy ty andian-tsoavaly maly ty kalesy, azy mpipetraky a Lakisy rey. Iha, Lakisy rey, ro niavia ty fahota velohany hoahy ty anakam-pelan'i Ziona, safe hita baka aminao ty fahalotoan'Israely. ¹⁴Le hameanao taratay fisaora i Moresetagata; ty tanam-be i Akziba handiso fanantena azy mpanjakan'Israely rey. ¹⁵Handay mpandresy ho aminareo ndraiky Zaho, azy mpipetraky a Maresa; ho avy amy Agolama any ty fipiriakan'Israely. ¹⁶Harato ty lohanareo sady tapaho ty volonareo hoahy ty anakinareo ze atokisanareo rey. solao manahaky ty voro mahery ty vatanareo, fa azy nakinareo rey handeha hanovy sesin-tany hiala aminareo ao.

Chapter 2

¹Loza hoahy ty mamoro fahadisoa, hoahy ze mieritreritsy ty hanao raty an-kitreliny eo. Amy ty maray ty hanaovandrozy anizay safe mana fahefa ndrozy. ²Maniry baibo ndrozy le tsy abotitsiny zay; maniry trano ndrozy le managalaky anizay. mampatahotsy ty olony noho ty longony ndrozy, noho ty olo noho ty lovany.³Lafa zay le hoasan'Yaveh: "Ingo, fa manday loza hahazo ty longo zay Zaho, ze tsy hangalanareo ty tendanareo. Tsy handeha amy ty fiavonanavona nareo, safe ho fotoa raty zay. ⁴Amy andro zay le hihira mikasiky anareo azy fahavalonareo rey, sady hisaona amy ty hira fisaona. Ndrozy iaby hihira hozao: 'Le vatany rava zahay Israelita; Novan'Yaveh ty faritsy ty tany ty oloko. Manino ty nanafahany anizay tamiko? Mizara azy baibo nay rey hoahy ty mpamadika Ie!'" ⁵Lafa zay, nareo mpanarivo rey le tsy hana tariha hizara ty faritsy ty taniny amy ty loka amy ty fiangona Yaveh ao.⁶"Ka maminany," hoasan-drozy.. "Engaho ndrozy tsy haminany azy raha rey; enganie tsy ho avy ty fandatsam-baraka." ⁷Azy tariha Jakoba rey, tokony ho volany hozao vasa: " Meloky va ty fanahin'Yaveh? Vatany asany va rey? " Va tsy mahasoa ty ze manao ty soa va ty safako? ⁸Afara any le hitsanga manahaky ty fahavaloko ty oloko. Mamotaky ty siky lava, ty siky , amy ze mandrio tsy amy ty fisalasala eny nareo, manahaky ty miaramila mimpoly baka an'aly ho amy ze nieritseretiny fa milamy.⁹Alanareo amy azy trano mahafinaritsy azy rey ty ampela oloko rey; sintoninareo amy ty anakindrozy zisiky amparany ty fitahiako. ¹⁰Miongaha le miala, fa tsy toy ty toera afahanareo mipetraky, noho ty fahalotoany; norava tany ty vandrava vatany toy. ¹¹Laha misy olo avy aminareo any amy ty fanahy ty fahavandesana noho ty vandy manao hozao: " Haminany aminao mikasiky ty divay noho ty raha finoma mare zaho," le eritrereto fa ho mpaminany azy olo rezay ie.¹²Hamory anareo iaby vatany Zaho, iha Jakoba. Havoriko vatany ty sisa amy Israely. Handay androzy miarakany manahaky ty aondry amy ty andiany, manahaky ty andia ty aondry amy ty fiboaha ty fihinana ty akata Zaho. Hisy feo anabo noho ty halakoa ty olo. ¹³Ze kila olo mamaly le mamoha ty lalan-drozy ho ahindrozy le handeha alohan-drozy eo. handeha hamaky ty vavahady ndrozy le hiboaky; ty mpanjakandrozy ro handeha alohany. Yaveh ro mpiatriky androzy.

Chapter 3

¹Hozao tiasako: " henanizao mijanjina, nareo azy mpitarikin'i jakoba noho ty mpanapaky an'Isaraely: Va tsy mety aminareo ty mahatakatsy ty fahamarina? ²Nareo ze malay ty soa noho tea ty raty, nareo ze manendaky ty holitsin-drozy, ty nofitsin-drozy amy ty taolany--- ³nareo ze mihina ty nofitsy ty oloko avao koa, sady manendaky ty holiny, manapaky ty taolany, sady manapatapaky androzy, manahaky ty hena arotsaky anay ty valany, manahaky ty hena anovy amy ty fiketrehan-kena.⁴Le hikaiky mare an'Yaveh nareo mpanapaky, fe tsy hamaly a nareo Ie. Amy fotoa zay le hamony ty vatany aminareo Ie, safe fa nanao asa raty nareo."⁵Zao ty raha nivolanin'Yaveh mikasiky azy mpaminany ze nampikarikiriky ty oloko rey: Hoahy ze nampihina androzy rey le hivola hozao ndrozy: 'Hisy fafasoava.' Fa hoahy ze tsy nampisy ndra ino ndra ino am-bavany ao, le hanomboky hialy amindrozy, ⁶Lafa zay, le ho haly hoahinareo zay sady tsy hisy fahita ho ahinareo; ho maiky zay mba tsy hisianareo mpisikily. Hilentiky amy azy mpaminany rey ty masoandro. ⁷Ho menary azy mpahitaky rey, sady ho very hevitsy azy mpisikily rey. Hanampy ty soniny ndrozy iaby, safe tsy misy valiny baka amiko atoy."⁸Fa laha ty amiko le atrisky hery baka amy Yaveh zaho, sady atriaky fahamarina noho hery, mba hivola amy Jakoba ty fahadisoany, noho amy Israely ty fahotany.⁹Jannjino zao, nareo azy mpitariky azy tariha i Jakoba rey, noho ty mpanapaky ty tarihan'Israely, nareo ze malay ty fahamarina, noho mamaliky ty raha to iaby. ¹⁰Manamboatsy an'i Ziona amy ty lio noho i Jerosalema amy ty fahota nareo. ¹¹Mitsara noho ty kolikoly azy mpitsara anareo rey, mampianatsy noho ty takalony azy mpisoronareo rey, sady maminany noho ty vola azy mpaminanninareo rey. Nefa nareo mianky amy Yaveh le manao hozao: "va tsy mitahy antsika va Yaveh? Le tsy hisy raty hahazao antsika."¹²Lafa zay, noho iha, le ho hasa manahaky ty baibo i Ziona, hanjary korotam-bato i Jerosalema. le manahaky ty vohitsy atsiky ala ty hahabo ty fiangona.

Chapter 4

¹Fa amy andro farany le hamboary amy ty vohitsy hafa ty vohitsy ty tranon'Yaveh. Hasondrotsy anabo ty vohitsy zay, le hilahatsy mbaminizay azy olo rey.²Handeha azy firenena lako rey le hanao hozao: " Avia, ndao tsika hiakatsy ambohitsy Yaveh, amy tranon-Dranaharen'i Jakoba any. Hampianatsy antsika fombany rey Ie, sady hanoriky ty lalany rey tsika." Fa baka ziona ao ty iboaha ty lala, sady baka a Jerosalema ao ty safy Yaveh. ³Hitsara azy olo lako rey Ie sady hanapa-kevitsy mikasiky azy firenena lavitsy lako rey. Hanamboatsy ty mesondrozy ho fangaly ndrozy le ty lefony ho faneteza. Tsy hampiranga mesobe hifamely ty firenena, na ho zary amy ty aly sasy. ⁴Fe, hanenga y olo kiraikiraiky ambany ty voalobony noho ambany ty hazo ty aviaviny ndrozy. Tsy hisy olo hampatahotsy androzy, fa ty vava Yaveh Tompoa ty lako ro fa nivola. ⁵Fa ty olo iaby le mandeha, ty kiraikiraiky, amy anara ty ndranahariny. Fa tsika le nandeha amy anaran'Yaveh Ndranaharitsika zisiky amparany.⁶Amy andro zay" hoasa yaveh le " hamory ty malemy noho hamory azy noroasy rey Zaho, le azy nampijaleako rey. ⁷Hanoviko ho sisa nenga azy malemy rey, sady ho firenena matanjaky azy voaroaky rey, le Zaho, Yaveh, ro hanjaka amindrozy amy ty vohitsy Ziona ao, henanizao le ho mandrakizay. ⁸Iha, azy tilikambo fiambena ty aondry noho ty aosy, vohitsy ty anakampela i Ziona--- le ho avy aminao zay, hampoly ty fanapahanao taloha, le ty fanjaka ze ahiny anakamela i Jerosalema.⁹Henanizao, manino iha mikoraky mare? Tsy misy mpanjaka va aminao ao? Maty va ty mpanome hevitsy anao? Zay va ty mahavy ty faharareanao manahaky ty ampela lafa ho teraky? ¹⁰Engaho haharare sady hotsongoan-jaza laha hiteraky, azy anakampelan'i Ziona, manahaky ty ampela miteraky. Fa henany zao iha le hiboaky ty tana, hipetraky ambaibo any, sady handeha a Babylona. Any ty hanavota anao. Any ro hanafaha Yaveh anao an-tana ty fahavalonao eo.¹¹nanizao miharo hanohitsy anao azy firenena lako rey; hozao tiasan-drozy: 'Engaho ho voaloto ie; tokony hifaly amy Ziona ty masontsika.'" ¹²Hoasa ty mpaminany: "Tsy haindrozy ty eritseritsy Yaveh, sady tsy takany ty ffaniriany, fa namory androzy manahaky ty fanomeza ho ampikarakara eo Ie."¹³Hozao tiasan'Yaveh: "Mitsangana le mamangoa, lahy anakam-pela i Ziona, fa hanoviko vy ty tsifanao, sady hanoviko saba ty hitronao. Hanorotoro olo lako iha. Hatokako ho tiahy vatako azy hanagna tsy to rey. Yaveh, azy hanagnandrozy rey ho Tiahy, azy Tompo ty kila tany iaby."

Chapter 5

¹Henany zao miaraky avy amy ty filaharan'ady ao, azy anakam-pela miaramila rey; fa nanenga tovon-tany mihodidy ty tana azy miaramila rey, amy tarehiny eo ty hamangoany ty mpitsaran'Israely.²Nefa iha, Betlehema Efrata, ndra kely mare amy ty foko i Joda aza iha, le aminao eo ro iboaha ty olo ho Mbamiko eo mba hanapaky an'Israely, ze baka amy ty olo taloha ty fiaviany, le haharitsy zisiky amparany. ³Lafa zay le hahafoy androzy Ndranahare, baka amy ty fotoa hitrotra ty tsongoan-jaza aja, le azy tafimpoly amy ty anadahiny le himpoly amy ty olon'Israely.⁴Nitsanga Ie le niamby ty aondry noho ty aosyny amy herin'Yaveh, amy ty voninahitsy ty Yaveh Ndranahareny. Npetraky ndrozy, sady safe fa ho be amy ty fara ty tany Ie. ⁵Ho fiadanatsika Ie. Lafa avy amy tanitsika ao azy Asyriana rey, lafa manao lia be manohitsy azy fiarovantsika mare rey ndrozy, le hitsanga hanohitsy androzy amy ty mpiamby aondry fito noho mpitariky valo amy azy olony rey tsika.⁶Hiamby ty tany Asyria amy ty mesobe ndrozy, ke amizay eo ty filira amy tanin'i Nimroda. Hanavotsy antsika amy Asyria Ie, lafa ndrozy avy amy tanintsika, lafa manao lia be amy ty tanitsika ndrozy. ⁷Ty ilany sisa nenga amy Jakoba le ho anivo ty olo lako, manahaky ty ando baka amy Yaveh, manahaky ty ranon'ora amy akata maintso, ze tsy miamby olo, sady tsy miamby ty anak'olom-belo ndrozy.⁸Ty ilany sisa amy Jakoba le ho amy firenena rey eo, amy ty olo lako rey eo, manahaky ty liona amy ty biby ana'ala any, manahaky ty liona tanora amy azy andian'aondry. Lafa manapatapaky amindrozy eo ie, le hanitsakitsaky anirey noho hamotipotiky rey, sady tsy hisy olo hamonjy androzy. ⁹Hanondrotsy hannisy ty vahavalonao rey ty tananao, le hamotiky androzy zay.¹⁰"Zao ty hiseho amy zay andro zay" hoasa yaveh" Hovonoako aminao eo azy soavalinao rey sady ho ravako azy kalesinao rey. ¹¹Horavako azy tana amy ty taninao ao rey sady haravako ty mandanao iaby.¹²Horavako azy sikily an-tananao eo rey, sady tsy hana mpisikily sasy iha. ¹³Horavako azy sary sokitsinao noho azy tsangam-batonao aminao eo . Tsy hanompo ty asa tananao sasy iha. ¹⁴Hombotako aminao eo azy sarabo aseranao rey, sady ho ravako azy tananao. ¹⁵Hantanteraky valifaty amin-keloky noho ty siaky amy firenena ze tsy manoriky zaho."

Chapter 6

¹Henanizao janjino ze volanin' Yaveh: "Mitsangana sady laharo amatreha ty vohitsy ty raharahanareo; Enganie vohitsy rey hahare ty feonareo. ²Mijanjina ty alin'Yaveh, Nareo vohitsy rey, noho nareo hambany maharitsy amy ty tany. Fa mana aly amy ty olonny Yaveh, sady hialy hanohitsy an'Israely amy fitsara eo Ie."³"Nareo oloko rey, ino ty nanoviko anareo? Nanao akory ty namozahako anareo? Mitsangana ho vavolombelo hanohitsy Ahy! ⁴Fa nandesiko niboaky ty tany baka Egypta nareo sady novenjeako hiboaly ty tany ty trano fanandevoza. Naniraky an'i Mosesy, Arona, noho i Miriama taminareo Zaho. ⁵Nareo oloko rey, tiarovy ze nieritrereta i Balaka mpankajan'i Moaba, noho ty fomba namalian'i Balama anaky Beora azy laha nandeha ta Sitima le zisiky a Gilgala nareo, mba hahazanareo mahay ty asa to tiahin'Yaveh. ⁶Ino ro tokony handesiko hoahin'Yaveh, laha mandohaliky anatreha Ndranahare Anabo zaho? Tokony ho avy Aminy eo miaraky amy ty fanday oroa, amy ty anakaomby tao raiky va zaho? ⁷Vasa Yaveh hanenky aondry lahy amy narivony, na ranon-tsoliky analiny? Tokony hanesy ty talan'olo noho ty fahadisoa va zaho, azy naterako noho ty fahotako avao koa? ⁸Fa nivola anao Ie, nareo olo rey, hoe ino ty soa, sady ino ty takian'Yaveh aminao: manaova ty to, mitea amy ty fahatsora, sady mandina amy ty fanam-bania vata miaraky amy Ndranaharinao. ⁹Manao fanambara amy ty tana ty feon'Yaveh--- ndra ty fahendrea aza henanizao le manenky ty anaranao: Janjino ty kobay, noho ty olo ze nanenga anizay tamy ty polasiny. ¹⁰Misy hanagna an-trano ty raty fanahy tsy to, sady famentara mavandy fahavetaveta zay. ¹¹Tokony ho eritseretiko tsy hana tsiny va ty olo laha mampiasa fandanja mamerivery ie, miaraky amy ty haro fanjanja mamerivery? ¹²Atsiky nehaneha ty mpanarivo, fa nivola vandy azy mpipetraky rey, sady mpamitaky lelany ambavany ao rey. ¹³Lafa zay le nanisy anao tamy ratsy maharary Zaho, fa nanoviko ho rava noho azy fahotanao rey iha. ¹⁴Hihina iha fa tsy ho afa-po; hipetraky anainao ao ty kere. Hamory hanagna iha fa tsy hahavory, sady ze voavorinao le hameako ty mesobe. ¹⁵Hamafy iha fa tsy hamokatsy; hanitsakitsaky oliva iha fa tsy hilemy soliky; hanitsakitsaky voaloboky iha fa tsy hino divay. ¹⁶Azy lala nanovin'i Omry rey le efa norihy, sady azy asa ty tariha i Ahaba iaby. mandeha araky ty torohevitsy ndrozy iha. le hanoviko, ho rava lahy iha tana, le ty raha mampisitrisitry anareo mpipetraky ao, sady hahazaka latsa manahaky ty oloko nareo."

Chapter 7

¹Lozako! Fa manahaky ty ahy le ho tampitsy ty fangla ty voankazo, noho ty famoria ty amby ty voaloboky amy tany ty voalobky ao: Tsy misy tahom-boaloboky hita sasy, tsy nisy tamy aviavy nahasesy tao ze niriko mare. ²Nanjava tamy ty tany ty olo to, tsy misy olo mahity amy olom-belo ao iabyu. Mieritseritsy handatsaky lio avao ndrozy iaby; amy haratony avao ro hiazany kiraikiraiky ty rahalahany. ³Meky amy ty fanaova raha raty ty tanandrozy: mitaky drala azy mpanapaky rey, vonona amy ty kolikoly azy mpitsara rey, sady mivola amy ty hafa ze teany hoazonny ty lahilahy matanjaky. Le manahaky zay ty hiaroandrozy loha raty. ⁴Ty soa mare amindrozy le manahaky ty fatiky, ty mahity mare le atsiky fatiky. Zay le andro fa nivolany ty mpitilinao taloha, leandro fanasazia anareo. Zao ty fotoa ty fahaverezan-kevitsy androzy. ⁵Ka matoky ty mpiharo petrakyy; ka manennga fitokisa amy ty nama. Tandremo ze aha volaninao ndra amy ty ampela ze miroro an-tsandrinao eo aza. ⁶Fa tsy hampisy diksny ty abany ty anakilahy, hitsannga hanohitsy ty reniny ty anakam-pela, le ty vinanto vaviny hanohitsy ty rafozany ampela. Ty olo an-tranony ao avao ro manjary fahavalo ty olo. ⁷Fa laha zaho aloha, le h agnety an'Yaveh zaho, handiny ty Ndranahare ty famonjea ahy zaho; hahare ahy ty Ndranahariko. ⁸Ka mifaly amiko, azy fahavaloko rey. Fa ndra miravoky aza zaho, le hiary ndraiky. Laha mipetraky amy ty maiky ao zaho, le Yaveh ro fahazava ho tiahy. ⁹Safe zaho nanota tamy Yaveh, le nizaka ty helokiny zisiky andavany ty safako, noho hanatanteraky ty fitsara ho tiahy. Handay ahy amy ty fahazava e Ie, sady hahitaky Azy hamonjy ahy amy fahamarinany ao zaho. ¹⁰Le hahitaky anizay azy fahavaloko rey, le ty henatsy ty hanaro ze nivola tamiko hozao: "Aia Yaveh Ndranaharenao?" Hagnety azy ty masoko; ho voahitsakitsaky manahaky ty fotaky an-dala eny ie. ¹¹Ho avy ty andro hanamboara ty mandanao; amy andro zay le ho itary baka lavitsy any azy faritsy ty taninao rey. ¹²Amy andro zay le ho avy aminao ty olonao, baka Asyria any noho azy tana Egipta any rey, baka Egipta any le zisy amy ty renirano be, Eofrata, baka amy riaky le zisy amy ty riaky, le baka amy vohitsy le zisy amy ty vohitsy. ¹³Azy tany rey le ho enga noho ty olo ze mipetraky ao henanikizao, noho ty vokatsy ty asan-drozy. ¹⁴Embeno amy ty bokainao ty olonao, le ty aondry noho ty aosy ty lovanao. Mipetraky raiky an'ala any ndrozy, anivo ty baibo eo. Engaho ndrozy hihina a Basana noho Gileada any manahaky tany ty andro taloha. ¹⁵Manahaky tany ty andro ze niboahanao ty tany Egipta, le hampitserahako ndrozy. ¹⁶Hahita sady ho menatsy ty heriny azy fienena rey. hanampim-bava ndrozy; hosofindrozy. ¹⁷Hilelaky ty posiera amanahaky ty bibilava, manahaky ty kila raha ze mikisaky amy ty tany ndrozy. Amy havaka ty hiboahandrozy baka amy ty loakiny; amy havaka ty hiaviandrozy Aminao eo, Yaveh Ndranaharenay lahy, sady havaka noho Iha. ¹⁸Ia ty Ndranahary manahaky Anao, Iha ze manafaky fahota, Iha ze mandalo anabo ty fahadisoa nenga amy ty lovanao? Tsy mitanjaky ty helokinao zisy amparany Iha< safe teanao ty manatoro ty fiferinesanao aminay. ¹⁹Hiferinay anay ndraiky Iha; hanitsaky ty fahdisoanay ambany ty tombonao ao Iha. Harianao amy laliky ty riaky ao iaby ty fahotanay. ²⁰Hanome ty ha to hoahy Jakoba noho famindram-po hoahin'i Abrahama Iha, manahaky ty nifantanao tany ty razambenay tany taloha.

Nahum

Chapter 1

¹Ty fanambara mikasiky an'i Ninive. Ty boky ty fahita i Nahoma, azy Elkosita iny. ²Njanahary saro-piaro noho mamaly faty Yaveh. Mamaly faty atsiky heloky Yaveh. Mamaly raty amy mpifanina aminy rey Yaveh, sady manohy ty helokiny ho ahy ty fahavalony Ie. ³Mahari-po noho bevata amy ty heriny Yaveh; tsy hanambara fahavalony rey ho tsy manan-tsiny velively Ie. Hanao ty lalany amy ty talio ao Yaveh, sady ty raho ro lemboky ty tombokiny. ⁴Mivola mare ty riaky Ie ka le manamaiky zay; anay ty renirano iaby Ie. Vozaky i Basana, sady i Karmelia avao koa; malazo vonin-kazo i Libanona rey. ⁵Mangovitsy amy ty famonjeany vohitsy rey, sady mihena vohitsy rey; mirobaky amy ty famonjeany ty tany, eka vatany, ty tany noho ze olo iaby mipetsaky aminy ao. ⁶Ia ro hahatsanga anila ty helokiny eo? Ia ro hahatohitsy ty siaky ty helokiny? Miraraky manahaky ty afo ty helokiny, nivakivakiny lafiam-bato rey. ⁷Soa Yaveh, fiarova mahery amy ty andro fahoria; sady mahatoky amy ze mialoky aminy Ie. ⁸Fa hanampitsy tanteraky fahavalony rey amy ty tondradrano manafotsy koa Ie; hania androzy amy ty haiky any Ie. ⁹Mitetiky ino anohera an'Yaveh nareo olo lako? Hamara tanteraky zay Ie; hisondrotsy vanindroeny ty fijalea. ¹⁰Fa ho hatahotsy manahaky ty kirihitsy fatiky; ho safotsy ty raha-inominy; ho rava ty afo tanteraky manahaky ty lila maiky ndrozy. ¹¹Nisondrotsy taminao ao, Ninive, ty olo ze naniry raha-raty hanohera an'Yaveh, le olo ze nandrisiky haratia. ¹²Zao ro volany Yaveh: "Ndra le amy ty tanjaky tanteraky ao sady lako hisaky aza ndrozy, le ho rava ndrozy; tsy hisy olony sasy. Fa iha, Joda: Ndra le nampijaly anao aza Zaho, le tsy hampijaly

anao sasy Zaho. ¹³Sady hanapaky ty zioga olo rey aminao ao Zaho; hanapaky fehy Zaho."¹⁴Fa nanome beko mikasiky anao Yaveh, Ninive: "Tsy hisy sasy ty tariha handay ty anaranao. Hanombotsy sarin-jaha voasokitsy rey noho sarin-jaha an-idina amy tsano rey Njanaharinao Zaho. Hialy fanasanao rey Zaho, safe tsinotsino iha."¹⁵Ingo, am-bohitsy eny ty tomboky ty olo ze manday vaovao mahafaly, ze manambara fiadana! Ankalazao fifalefalea nareo rey, Joda, sady aloao voadinareo rey, fa tsy hilay anareo sasy ty raty fanahy; rava tanteraky ie.

Chapter 2

¹Miakatsy hanohitsy anao azy hanorotoro anao iny ho raiky lakolako. Mampipetsaha mpiemby amy ty vala ty tanà ao, embeno lala rey, atanjaho ty vatanareo, avorio tafikinareo rey. ²Fa mampimpoly amy ty velohany ty voninahitsy i Jakoba manahaky ty voninahitsy Israely i Yaveh, ndra le nirava ty mpandrava aza ndrozy sady nitoroe sampam-bolobokiny rey. ³y fiaro lahilahy mahery rey le mena, sady lahilahy bey herimpo misiky jaky rey; manjelatsy ty metaly kalesa amy ty andro rey sady fa nanovy ho vonona zay, sady ty lefo kypreso romirabiraby amy ty tsioky eny. ⁴Mirifotsy mbamby lala eny kalesa rey; mifania etia noho eroa amy ty lala-bevata eny ndrozy, sady milay manahaky ty helatsy. ⁵Mikaiky manam-pahefany rey azy hanorotoro anao iny ho raiky; mifaminga amy ty lalany eny ndrozy; mandeha malaky ndrozy mba hanafiky ty vala ty tanà. Nivonoa ty fiarova bevata mba hiaro mpanafiky rey. ⁶Vavahady amy ty renirano eo rey ro naifitsy sokafy, sady mirobaky ho amy ty fandrava ty lapa. ⁷Nendahy ty siky i Hazaba sady nala; mitoloko manahaky ty pizon sady miteha-tsatsa mpiasa ampelany rey. ⁸Manahaky ty ranom-parihy mitete i Ninive, sady milaisa manahaky ty rano mirotsaky ty olo lakony. Ty hafa mikoraky hozao: Mijanona, mijanona," nefa tsy misy mitoliky. ⁹Alao gadra ty volafoty, alao gadra ty volamena, fa tsy hisy fiafarany zay, ho ahy ty famirapiratsy raha-sarotsy i Ninive iaby rey. ¹⁰Rava noho ravaravara i Ninive. Malahelo ty fo ty olo iaby, niara-vozan-kevitsy ty ongo ty olo iaby, amy ty olo iaby ao ty fijaleam-bey; hatsatsy iaby ty endrikin-drozy. ¹¹Amy zao aia ty lavaky ty liona, azy toera ze famaha ty liona tanora iny, azy toera fandehana ty liona lahy noho vavy iny, miaraky amy anaky liona rey, ze natahoran-drozy ndra ino ndra ino? ¹²Manorotoro hazany rey ho ahy ty anaky ty liona; nameo hazany rey ho ahy ty liona vavy ie, sady nanatsiky ty zohiny tamy haza, ty lavany amy ty sisan-taola voatorotoro. ¹³"Ingo, hanihitsy snap Zaho---zay ro fanambara Yaveh Tompo ty lako. Horoako amy ty setsoky ao kalesanao rey, sady handrava liona tanoranao rey ty meso-bevata. Hombotako amy ty taninao gadranao rey, sady tsy ho re sasy ty feo mpanday hafatsinao rey."

Chapter 3

¹Loza ho ahy ty tanà atsiiky lio! Atsiiky vandy noho fanana halatsy iaby zay; Aminy ao mandrakariva gadra rey.² Fa amy zao le misy feo ty karavasy noho ty feo ty firodoro sarety rey, fikotsokotsoky sovaly rey, sady ty firaondrao kakesa rey.³ Misy fanafiha mpiondra sovaly rey, piriaky ty meso-bevata, famirapiratsy ty lefo, korotam-paty, faty milahadahatsy. Tsy misy fiafarany faty rey; voafinga anabon-drozy eo ty mpanafiky azy. ⁴Mitsanga zay noho ty filà ty makorely soa tarehy, azy mahay sikily iny, ze mamarotsy firenea amy ty alala ty famarotam-batany, sady ty olo lako amy ty alala ty fananovany sikily.⁵ Ingo, hamango anao Zaho---zay ro fanambara Yaveh Tompo ty lako --- hangalaky ty sikinao amy ty tarehinao Zaho sady hampitoro faritsy mamohafady amy firenea rey, ty henatsinao amy fanjaka rey. ⁶Hanoraky fahalotoa mampangoritsy amina Zaho sady hanao anao ho raty; hanoviko ho olo fanantea ty olo iaby iha. ⁷Sady ty olo-iaby ze manenty anao ro hilay anao sady hivola hozao: "Rava i Ninive; ia ro mba hitany azy?" aia ro ahitako olo hankahery anao?"⁸ Ninive, moa va iha soa noho i Teba, ze natsanga amy ty Renirano Neily eo, ze nisy rano miodidy azy, ka le riaky-bevata ro arony, ty riaky avao ro valany? ⁹Etiopia noho Egipta ro tanjakiny, sady tsy nisy fihafarany ty amy zay; Pota noho Lybia ro mpiara-mialy aminy.¹⁰ Kanefa nandesy i Teba; nandeha amy ty fahagadra any ie; voatorotoro tan-doha ty lala eny anany tanora rey; nanoraky filoka ho ahy lahilahy manam-boninahitsiny rey fahavalony rey, sady voafehy tany rojo vy rey lahilahiny mahery rey. ¹¹Ho lasa mambo avao koa iha; hiezaky hivony iha, sady hila fialofa amy fahavalonao avao koa iha. ¹²Fiarovanao mahery rey ro manahaky hazon'aviavy miaraky amy ty aviavy masaky aloha ty fotoa rey: lana ahozongozo ndrozy, le hihintsa am-bava ty mpihina ao. ¹³Ingo, ty olo lako amina ao ro ampela; vavahady ty taninao rey ro nivohà mivanavana ho ahy fahavalonao rey; nandrava ty hiliny ty afo. ¹⁴Mandehana mantsaka rano ho amy ty fahirano; ampaherezo fiarovanao mahery rey; mandehana amy ty tanimanga sady hosehoseho ty feta; alao ho ahy boriky ty tavy rey. ¹⁵Handrava anao any ty afo, sady handrava anao ty meso-bevata. Handrava anao manahaky ty fandravà ty galala ty raha-iaby zay. Anovo lako hisaky manahaky galala vao rey ty vatanareo, Le ho lako manahaky galala rey.¹⁶ Nampitombo mpandrantonao rey mandilatsy ty basia amy ty lanitsy eny iha; nefa manahaky ty galala vao ndrozy rey: mandrava ty tany ndrozy ka le bakeo le nanjary nitily. ¹⁷Lako manahaky galala rey ty mpanjaka lahilahinao, sady ty jeneralinao ro manahaky ty mpanjakan-drozy ze mipetsaky amy vala amy ty andro manintsy rey ao. Fa lafa miboaky ty masoandro le mitily amy ty toera tsy hain'olo any rey. ¹⁸Mpanjaka i Asyria, azon-droro mpiemby aondrinao rey; miroro amy ty fijanona mpanapakinao rey. Niparitaky am-bohitsy eny ty olo, sady tsy misy ndra ia ndra ia hamory androzy. ¹⁹Tsy hisy fanafaha azo anovy ho ahy rantsanao. Mahery maré ratsanao rey. Ze iaby manoro ty vaovao mikasiky anao ro hitehaky-pifalea amina eo. Ia ro afaky nilay ty fahatiarovanao mitandavana?

Habakkuk

Chapter 1

¹Ty hafatsy norambesin'i Habakoka mpaminany: ²"Ry Yaveh, zisiky ombia ro hitorevako le tsy hijanjy iha? Tanay ty horohoro zaho nikaiky hozao Anao: "Heriloha!" fe tsy namonjy ahy Iha.³ Nanino zaho ro anovinao mahita fahadisoa noho fanaova raty? Fandrava noho nehaneha ty aolhako eo; misy tsy fifanaraha, noho fila kinainay. ⁴Baka amizay le tsy nisy dikqny ty lalà, sady tsy naharitsy ela ty hatò. Fa niodakodaha ty fahamarina ty raty fanahy; le niboaky ty hatò diso." Novalia i Yaveh Habakoka⁵ Hentao azy firenena rey le hadihadio ndrozy; engaho ho tseriky! fa manao raha vatany Zaho amy ty andro ze tsy hatokisanareo lafa volany aminareo zay. ⁶Ingo! Hanondrotsy an'i Kaldeana Zaho--- azy firenena masiaky noho minehaneha--- lako lia heniky ty saka ty tany mba hisambotsy androzy e. ⁷Mampavaka noho mampangitikitiky ndrozy; baka amy ty safan-drozy ty fitsarany noho ty fipiriahany.⁸ Azy sovaly rey le mafleha mandilatsy ty leoparda, meky mandilatsy ty alika lý ty haly. Le mare ty sovalin-drozy, sady baka alavitsy ty mpitikitsy sovalindrozy_ mitily manahaky ty voro mahery malisa hihina ndrozy. ⁹Niavy noho ty nehaneha iaby ndrozy iaby; mandeha manahaky ty rivotsy anefitsy any ty olo lakon-drozy, sady mamory azy tratsy sambotsy manqhky ty fasy ndrozy.¹⁰ niteratera azy mpanjaka rey ndrozy, sady azy mpanapaky rey le nanovindrozy fiheheza avao. Nihehean-drozy mare ty fiarova, safe tany ndrozy nanasa vovona le liany nisamnirin-drozy. ¹¹Le ho avy ty tsioky; handrio zay--- olo-diso, azy heriny rey ro Njanaharin-drozy." Na,etraky fanontania hafa tany Yaveh i Habakoka.¹² Iha vasa tsy ho avy amy fotoa taloha, ry Yaveh Njanahariko, Azy Raiky Masiko? Tsy ho maty zahay. Fa nitinginin'Yaveh ho tsara ndrozy, le Iha, ry lafia-bato, fa nanenga androzy ho akata.¹³ Malio mare ty masonao laha mieritseritsy ty raty, sady tsy afaky hanenty a, ty fankasitraha a, ty fanaova raty Iha; ka nanino iha nagnety soa tany awy namadiky rey Iha? Manino Iha tsy

mamaly laha mitely azy to rey mandilatsy tyandrozy raty fanahy rey? ¹⁴Nanovinao manahaky ty raha anay ty riaky ao ty olo, manahaky ty raha milaly tsy misy mpanapaky azy. ¹⁵mpiakatsy androzy iaby amy ty fita ndrozy; misinto amy ty haratom-pia ndrozy sady ùaùory azy a,y ty haratony. Zay ty antony ifalian-drozy noho ikorakorahany mare. ¹⁶Lafa zay le nanao soro hoahy ty haratom-piany ndrozy sady nanoro didin-kazo manitsy hoahy ty haratony, fa biby ly vondraky ty anjaran-drozy, sady hena vondraky ty fihinany. ¹⁷Vasa hanafoa ty haratony va ndrozy sady hanohy hamono ty firenena, tsy miferinay?"

Chapter 2

¹Hitsanga amy ty fiambenako eo zaho le hampiegny tyvatako amy ty tilikambo fiambenako eo , le hagnenty soa zaho mba hahitaky ty raha volaniny amiko noho ty fomba hialako amy ty fitoreovako.²Namaly ahy Yaveh sady volala hozao: " Sorato ty fahita toy, le sorato soa amy ty vato fisaky le ze amaky azy iaby le ho afaky hamaky rey soa. ³Fa ho avy amy ty fotoa ty fahita sady hiboaky avao amy ty farany fa tsy ho foa. Ndra tara aza zay, le linaso. Ho avy tsy ho ela zay.⁴Ingo! Ze manam-paniria tsy to anainy ao le ebo. Fa ty olo to le ho velo noho ty fahatokisany. ⁵Fa ty divay le mpamadiky ty pamaraky miavonavo mba tsy hipetrahany, fa hanitatsy ty faniriany manahaky ty lollo, sady manahaky ty maty, ze tsy mety afa-po mihintsy. Voriany ho tiazy iaby ty firenena sady avoriny ho tiazy iaby ty olo. ⁶Tsy hamoro ty fomba fivolana hangala zy noho ty hira fanikiora mikasiky azy va raha iaby zay, le hanao hozao: " Loza hoahy ty mampitobo ty tsy azy! Fa zisiky ombia ty hampitomboanao ty lanja ty antoky ze nalanao?" ⁷Tsy hitsanga tampoky va azy manekitsy anao rey, sady hifoza azy manorohoro anao rey? hanjaryho azondraha hoahindrozy rey iha. ⁸Safe iha nandrava olo lako, ty halakoa ty olo le handrava anao. Fa iha nandatsaky lio ty olombelo sady nanao nehaneha tamy ty tany, noho ty tana, sady azy mipetraky aminy ao rey iaby.⁹"Loza hoahy ty lako fila hanagna amy ty fanaova raha raty ho tombony hoahy ty longony, mba hahaizanny manamboatsy ty tranony anabo mba hiarovany ty vatany amy ty tana ty raty." ¹⁰Nizara fahamenara hoahy ty longonao iha tamy ty nandravanao olo lako, le nanota tamy ty vatanao. ¹¹Fa hikoraky baka amy ty lakoro azy vato rey, sady azy vata-kazo rey ty hamaly androzy,¹²"Loza hoahy ze manamboatsy tana amy ty lio, sady ze manamboatsy tana bevata amy ty hadisoa." ¹³Tsy baka amy Yaeh tompoa ty lako va ro hiasa ty olo rey amy ty afo noho hisasara ty firenena amy tyrha fahatany?¹⁴ Fe ty tany le ho atsiky fahalala ty vonanahitsy Yaveh manahaky ty rano heniky ty riaky.¹⁵" Loza hoahy ze mampino ty mpiharo petaka aminy, iha ze manisny ty poizinao zisiky mahamoanao androzy soa hanenteanao ty rahanandrozy." ¹⁶Ho atriaky fahamenara iha fa tsy voninahitsy. Hino amizay avao koa, sady hanatoro ty rahanao. Himpoly hitoliky aminao ty kapoaky Yaveh amy ty tana an-kavana, sady handomboky ty voninahitsinao noho ty fahafaham-baraka.¹⁷Ty nehaneha nanovy tamy Libanona handentiky anao sady hampavaka anao ty faharava ty biby rey. Fa nandatsaky lion'olo iha sady nanao hadala tamy ty tany, azy tana rey noho azy mipetraky aminy ao rey.¹⁸Ino va ty tombontsoanao amy ty sary vonga? Fa azy namboatsy anizay , ndra azy manamboatsy sarin-draha an'idina baka amy ty vy, le mpampianatsy vandy; fa matoky ty asan-tanany avao ndrozy lafa manamboatsy azy Ndranahare moa rey. ¹⁹"Loza hoahy ze mivola amy ty hazo manao hozao: " Mifohaza!" ndra amy ty vato mangina manao hozao: " Miongaha" vasa mampianatsy va raha rey? ingo, namitiha volamena noho volavoty zay, fe tsy misy fofon'ay mihintsy zay.²⁰ Fa Yaveh le emy ty fiangonany masy! Mangina anatrehany eo, ty tany iaby."

Chapter 3

¹Ty vavaky Habakoka mpaminany: Iha Yaveh, fa reko ty resakinao, le nangitikitiky zaho. ²Iha Yaveh, velomo anivo ty fotoa rey ty asanao; ampahaizo anivo ty fotoa rey eo zay; tiarovo ty hana famindram-po amy ty helokinao. ³Avy baka amy Temana Ndranahare, sady Azy Masy baka amy Vohitsy Parana. Sela. Manaro ty lanitsy ty voniahiny, sady atsiky fanompoa azy ty tany. ⁴Azy taratsy roe rey amy ty taniny le mipiriaky manahaky ty tselatsy, ze novonia ty heriny. ⁵Arety mahafaty ty nandeha talohany teo, sady arety mandringana ro nanoriky ty tombony. ⁶Nitsanga ie le nametatsy ty tany; nanenty ie le nampihozohozo azy firenena rey. Ndra azy vohitsy maharitsy mandrakizay aza potipotiky, le nihena ty hahabony tsy misy fiafara. Tsy misy fiafara ty lalany. ⁷Nahita azy lay i Kosana azon-draha zaho, le ty fanamboara azy lamba ty lay tamy ty tana i Mediana any hihozohozo. ⁸Nimeloky tamy ty renirano va Yaveh? Vasa ty helokinao va tamy ty renirano, na ty helokinao tamy ty riaky, lafa nitikitsy ty soavalinao iha noho ty kalesam-pandreseanao? ⁹Nanday ty kititsinao tsy niaraky tamy ty fipetrahanany iha; namipiky ty anakititsinao tamy ty kititsinao iha! Sela. Nizara ty tany tamy ty renirano Iha. ¹⁰Nahitaky anao ty vohitsy rey le natahotsy. Ora lako ro nandalo tamindrozy teo; nanondrotsy koraky ty riaky laly. Nampiakatsy ty onjany zay. ¹¹Ty masonadro noho ty vola nipetraky tanabony teo amy ty fipetraha ty anabo tamy ty fahzava ty anakititsinao le nilay ndrozy, tamy ty fipiriaky ty tara fahazava ty telefonao. ¹²Tamy ty heloky ty tanapatapahanao ty tany. Tamin-keloky ro nanitsakitsahanao ty firenena. ¹³Nioaky ho amy ty famonjea ty olonao, ho amy ty famonjea azy voahosotsinano. Mamotipotiky ty loha ty longo ty raty fanahy mba hampiharihary ty fototsy ty nanoviny. Sela ¹⁴Notrobohinao tamy ty kititsiky avao ty loha ty mpialiny rey lafa niavy hoy tsioky hanaparitaky anay ndrozy, ty fifaliandrozy le manahaky ty mandevy ty mijaly amy ty toera mivony. ¹⁵Fa nandeha nanapatapaky ty riaky tamy ty soavalinao iha sady nampikoronta azy rano be. ¹⁶Nahare zaho sady nangitikitiky tanaiko tao! Nangitikitiky tamy feo ty soniko. Niavy tamy ty taolako ty fahalova, sady nangitikitiky ty vatako lafa mandiny am-pahangina ty androm-pijalea hiavia azy olo ze handrava anay. ¹⁷Ndra tsy manboty azy ty hazo ty aviavy sady tsy misy volatsy ty taho ty voaloboky; sady ndra mandiso fanantena aza ty hazo ty oliva sady tsy mamokatsy hany azy baibo rey; sady ndra harava aza ty aondry anay ty valany ao sady tsy misy biby fihary amy ty fifinana le zao ty hanoviko. ¹⁸Tsy hiegnny hifalifaly amy Yaveh zaho. Hifalifaly zahi noho ty famonnjean-Dranahare ahy. ¹⁹Iha Tompo Yaveh ro heriko sady manao ty tomboko manahaky ty ahy ty diera Ie. Mampandroso ahy amy ty toerako anabo rey Ie. — Hoahy ty lehbe ty mpihira, amy ty fitaovan-dokangako.

Zephaniah

Chapter 1

¹Zao ty safan'Yaveh ze niavy tamy Zefania anakilahin'i Kosy anakilahin'i Gedalia anakilahin'i Amaria anakilahin'i Hezekia, tamy andron'i Josia anakilahin'i Amona, mpanjakan'i Joda. ²Handrava ty kila raha iaby tsy ho anabo ty veran-tany vatany Zaho— zay ty volan'Yaveh. ³Handrava ty olo noho ty biby Zaho; Handrava ty voro ty lanitsy noho ty voro ty riaky Zaho, ho amy ty raty fanay eo ty farahava. Fa haravako tsy ho anabo ty tany ty olo- zay ty volan'Yaveh. ⁴Nanampatsy ty tanako amy Joda noho amy ty mpipetraky a Jerosalema iaby Zaho. Horavako tsy hoamy ty tany toy azy sisa i Bala rey noho ty anara ty olo manompo sampy may azy mpisoro rey, ⁵azy olo manompo ty vatany raha an-danitsy eny amy ty tampon- trano, azy olo manompo noho mifanta amy Yaveh sady mbo mifanta amy ty mpanjakan-drozy. ⁶Handrava tamy ze nibio tamy ty finoriha an'Yaveh avao koa Zaho, azy ze tsy nila an'Yaveh ndra nanontany ty tari-dalany. ⁷Ka mivola miatsiky an'Yaveh Tompo! Fa efa marikitsy ty andron'Yaveh; Fananoma fanday noho fa nampitoka ty vahininy Ie. ⁸Zay le hiseho amy ty andro ty fisorona hoahy Yaveh, hanasazy azy mpanjaka noho ty anaky ty mpanjaka, sady azy misafotsy ty fisikina ty vahiny iaby Zaho. ⁹Amy andro zay le hanasazy azy ze mandinga ty tokatrano rey Zaho, le azy ze manatsiky ty trano ty tompony amy ty hadala noho ty famerivera. ¹⁰Le amy andro zay— Zao ty vola Yaveh— fa hisy feo mitoreo baka amy ty vavahady ty karazan-drano, fitoreotoreova baka amy ty tana ambany, sady firavoha bevata baka amy ty vohitsy. ¹¹Mitoretoreova, azy mpipetraky a Maktesy ao, fa ho rava azy atsiky volavoty. ¹²Le amy zay andro zay le hila an'i Jerosalema amy ty jiro Zaho sady hanasazy azy olo tea ty divay noho mivola agnay manao hozao: "Tsy hanao ndra ino ino i Yvahe, ndra soa ndra raty." ¹³Hanjary rava ty hanagnandrozy rey, sady ho haolo ty tanan-drozy! Hanmboatsy trano ndrozy fe tsy hipetraky aminareo ao, sady hamboy voaloboky fe tsy hino ty divayn-drozy. ¹⁴Fa marikitsy ty andro bevatan'Yaveh marikitsy sady fa mihamalaky vatany! Ty feo ty andro Yaveh le manahaky ty mpialy mitoreo mare! ¹⁵Azy nadro zay le ho andro ty heloky, andro ty fijalea noho ty faharava, andro ty tsiky mare noho ty fanafona, andro ty fanasazia noho ty alahelo, andro ty raho noho ty haiky mare. ¹⁶Zay le ho andro

ty trompetra noho ty fanaira hanohitsy ty tana mimanda noho ty tikikambo anabo.¹⁷ fa handay fijalea amy ty olom-belo Zaho, le hikaikarioky manahaky ty jiky ndrozy safe fa nanota tany Yaveh. Haraharaky manahaky ty posiera ty lionrozy, sady ty anain-drozy rey ao le manahaky ty zeziky .¹⁸ Ndra ty volafotindrozy ndra ty volamenany le tsy afaky hamonjy androzy amy ty andro hiavia ty helokin'Yaveh . Ho tranaky ty afo ty farahy ty tany iaby, fa ho atsiky fandrava , mampangaroharo amy ty mpipetraky amy ty tany iaby Ie."

Chapter 2

¹Avorio ty vatanareo le miharoa azy firenena tsy manan-kenatsy ---² tany lily toy mbo tsy tanteraky sady mbo tsy miparitaky manahaky ty lila ty andro, liany tany mbo tsy avy aminareo ty heloky maren'Yaveh, tany mbo tsy avy maninareo ty fotoa hanelofan'Yaveh. ³Mila an'Yaveh, azy olo soa anabo ty tany azy manoriky ty lilinny rey! Ilako ty faharina. Ilao ty fanam-bania vata, sady le mety ho voaaro nareo amy ty fotoa hahameloky an'Yaveh.⁴Fa i Gaza le ho haolo, le ho rava i Askelona. Amy midi ty handroasandrozy an'i Asdoda, sady hanombotsy an'i Ekrona!

⁵Loza hoahy ty mpipetraky anila ty riaky! Fa nivola hanohitsy anareo Yaveh, Iha Kanana, tany Filistina rey. Horavako nareo zisiky tsy hisian'olo mpipetraky. ⁶Le hanjary akata hoahy ty mpiaraky aondry noho hoaty ty vala ty aondry ty sisin-tany. ⁷Azy faritsy sisa amy sisin-tany le hoahy ty longon'i Joadà, azy hiamby ty aondry noho ty aosiny ao. Amy ty longon'i Askelona ao ty hiroroa olon-drozy rey lafa hafa haly., fa Yaveh Ndranaharen-drozy rey hikarakara androzy sady hampipoly ty hanagnany.⁸"Fa reko ty safa ratin'i Moaba noho ty fandatsa ty olon'Amona laha mitera noho manitsakitsaky ty faritsy ty tany ty oloko rey ndrozy. ⁹Lafa zay, laha mbo velo avao Zaho--- zao ty vola Yaveh Tompoa ty lako, Ndramahare Israely,--- hanahaky an'i Sodoma i Moaba, sady azy olon'i Amona rey hanahaky an'i Gomora; le hipetraha ty alan'amiana noho lavaky sira, tany haolo zisiky amparany. Fa ty ilany amy ty olo hanambotsy androzy, sady azy ilany amy ty firenenako halandrozy ho hanagna."¹⁰Zay ty hanjo an'i Moaba noho Amona noho ty firengirenginy, safe ndrozy nitera noho nanakiotsy ty olon'Yaveh Tompo ty lako ndrozy.

¹¹Sady havaka an'Yaveh nrozy, safe hitera andranahare ty tany Ie. Hanompo Azy iaby ty olo, ty olo iaby baka amy ty misy azy, baka amy ty sisi-tany iaby.¹²Nareo Kosita rey avao koa le ho voatomboky ty mesobeko, ¹³sady le ty tana Yaveh ty hanafiky ty avaratsy le handrava an'i Asyria, le hanjary tany tsy hisy maiky manahaky ty tany maikin'i Ninive. ¹⁴Sady ao ty handrea ty aomby,ty biby iaby tiahy firenena rey, ty voron-dolo ty efitsy noho ty sokina le handry antandro ty tohany. Hisy hikaiky hihira baka amy ty lafenety; ho an-tokona ty faharava eo; ho tapena azy toha sedera voasokiny.¹⁵Tana zay azy nifalifaly le niay tsy nisy fahavaka, ze nivola anay manahaky zao: " Zaho ro ie, sadytsy misy manahaky ahy."ingo, fa nanjary mampangaroharo ie, toera nanovy mba handria ty biby. Ze mandalo aminy eo iaby le hiviombio sady hanakomondro aminy.

Chapter 3

¹Loza hoahy ty tana tea aly! Voaloto ty tana minehaneha mare. ²Tsy nijany ty feon-Dranahare ie, ndra nanenky ty fanasazia baka amy Yaveh. Tsy natoky an'Yaveh sady tsy namonjy an-Dranahareny ie. ³Lion mierotsy anivo ty mpanjkany rey. Azy mpitsarany rey le alika ly lafa haly tsy menenga ndra ino ndra ino mba ho haniny lafa maray. ⁴Lahilahy maheriloha ro sady mpamerivery azy mpaminaniny rey. Fa tsy nampisy dikany azy masiny rey noho sady nanao heriloha tamy ty lala azy mpisorony rey. ⁵Yaveh le to anivony eo. Tsy afaky manao ty tsy mety ie. Saky maray le ro mizara ty fitsarany! Tsy ho tako anay ty hazava zay, fa ty olo tsy to le tsy hahay menatsy. ⁶Fa nandrava firenena Zaho; rava azy fiarovandrozy mare rey. Nosimbako azy lalany rey, mba tsy hisy ndra ia ndra ia handrio amindrozy rey eo. Foana azy tanany rey le tsy misy olo mipetraky amindrozy eo. ⁷Nivola hozao Zaho: "Havaka Ahy vatany iha." Ekeno ty fanasazia le tsy hiala amy ty tranonao mikasiky ty raha niomaniko iaby ho hanovy aminao." fe tamy ty fahazoa ty nanombohandrozy saky maray amy ty fanaova asaratin-drozy iaby. ⁸Lafa zay mandinisa Ahy--- zay ty vola Yaveh--- zisiky hiavia ty andro ze hiongahako ho amy ty azon-draha. fa ty fanampahan-kevitsiko le hamory azy firenena rey, hamory azy fanjaka rey, sady handrarahako ty heloko amindrozy, azy heloko iaby rey, mba ho rava ty afo ty heloko tany iaby rey. ⁹Bakeo Zaho hanome sony malio hoahy ty olo, mba hikaiha androzy iaby amy anara Yaveh mba hiaraky hanompo Ahy. ¹⁰Baka amy ty fara ty Etiopia azy mpanompo Ahy rey--- azy nanaparitaha ty olo---ty handay ty fanday ho Tiahy. ¹¹Amy andro zay le tsy ho menatsy amy ty asa raty ze nanovinareo ho Ahy nareo, safe amy fotoa zay le ho ravako aminareo eo ze mifaly amy ty firengerengea, sady tsy manao fihetsiky am-piavona amy ty vohitsy masy sasy nareo. ¹²Fa handao manahaky ty olo manam-bany vata noho mahantra Zaho, sady hivony amy anara Yaveh ao nareo. ¹³Tsy hanao ty tsy mety ndra hivola raha vandy sasy azy sisa nenga ta Israely ao rey, sady tsy hahita lela mpamerivery am-bavandrozy ao; le homa noho handry ndrozy, sady tsy hisy ndra ia ndra ia hampatahotsy androzy. ¹⁴Mihira, azy anakampela i Ziona! Mikoraha azy Israely rey. Mifalea amy ty ainao iaby, azy nakampela i Jerosalema. ¹⁵Nangalaky azy sazinao rey Yaveh; noroasiny azy fahavalonao rey! Yaveh ty mpanjakan'Israely aminao eo. Tsy havaka ty raty sasy iha! ¹⁶Amy andro zay le hivola amy Jerosalema manao hozap : "Kamavaka, iha Ziona. Ka enganao hangitikitiky ty tananao. ¹⁷Aminao ao Yaveh Ndranaharenao, le azy mahery mpamonjy anao. Hankalaza aminao eo le sady hintsy ampifalia aminao eo ty fiteany. Hifaly aminao eo le sady hanao korakim-pifalea, ¹⁸manahaky tamy ty andro ty fifalea fa voatingy. Hanafaky ty loza aminao eo Zaho; tsy handay henatsy baka amizay sasy iha. ¹⁹Ingo, fa hialy amy ty mpampijaly anao iaby Zaho. Amy fotoa zay, hamonjy azy mandrava rey sady hamory azy niriasy rey Zaho. Hanofiko manahaky ty fanompoa ndrozy, sady hanova ty henatsin-drozy ho laza heniky ty kila tany iabby Zaho. ²⁰Amy fotoa zay le hitariky anareo Zaho; Miaraky havoriko nareo. Hanoviko manaja noho hanompo anareo ty kila firenana heniky ty tany iaby, lafa hitanareo fa nampoliko amy ty taloha nareo hoasa Yaveh.

Haggai

Chapter 1

¹Tamy ty tao faharoa nanjakan'i Dariosa mpanjaka, tamy ty faha eny ty vola, tamy andro velohany ty vola, le niavy tamy alala ty tana ty Hagay mpaminany tamy Zerobabela teo ty governora i Joda, anakilahin'i Sealtiel, sady tamy Josoa mpisoronabe anakilahin'i Jozadaka ty safan'Yaveh, nanao hozao: ²"Yaveh Tompoa ty lako nivola hozao: Zao ty resaky olo rey: "Tsy fotoa hiaviatsika na hanamboaratsika trano hoahin'Yaveh zao." ³Bakeo le niavy tamy alala ty tana i Hagay mpaminany ty safan'Yaveh, nanao hozao: ⁴"Fotoa hanenanareo amy ty trano vitanareo va zao, laha ohatsy ka mbo rava ay trano zay? ⁵Henanizao Yaveh Tompoa ty lako mivola hozao: Eritrereto ty fombanareo rey! ⁶Namafy voa lako mare nareo, fa nanapaky vokatsy tsy ampy; nihina nareo fe tsy afa-po; nino nareo fe tsy mamono. Nisiky siky nareo fe tsy afaky nanafana ty vatanareo, sady niasa le handramby drala hanovy anay ty poketra atsiky loaky avao! ⁷Zao ty vola Yaveh Tompoa ty lako: "Eritrereto azy fombanareo rey! ⁸Manganiha ambohitsy any, manandesa hazo sady amboaro ty tranoko; le hifaly amy zao ao Zaho, sady hameamboninahitsy amizay ao Zaho!--- hoasa Yaveh." ⁹Mila ty lako nareo, fe ingo! trano kely ty nandesinareo, safe nitiofoko zay! Nanino?" nivola Yaveh tompoa ty lako. "Safe ty tranoko le simba, laha ohatsy ka samby miasa ty tranony kiraikiraiky aminareo iaby. ¹⁰Lafa zay ty lanitsy le hitanjaky ando tsy ho ahinareo, le ty tany hitanjaky ty vokatsiny. ¹¹Nikaiky hain'andro tamy ty tany noho feo tamy ty vohitsy, tamy ty vary noho tamy ty divay vaovao, tamy ty soloky noho tamy ty vokatsy ty tany, tamy ty olo teo noho tamy ty biby, sady tamy ty asa ty tananareo iaby Zaho!" ¹²Le i Zerobabela anakilahin'i Sealtiel, noho i Josoa mpisonabe anakilahin'i Jozadaka, miharo amy ty olo sisa nenga, le nanoriky ty feo Yaveh Ndranaharen-drozy noho ty safan'i Hagay mpaminany, safe Yaveh

Ndranaharindrozy ro nandefa azy sady azy olo rey le navaka ty tarehin'Yaveh. ¹³Le Hagay, azy mpanday hafatsy Yaveh, le nivola ty hafatsy Yaveh tamy ty olo manao hozao: " Miaraky aminareo Zaho! --- zay ty volan'Yaveh!"¹⁴Le nampihetsiky ty fanahin'i Zerobabela anakilahin'i Sealtiel, governoran'i Joda, noho ty fanahin'i Josoa mpisoronabe anakilahin'i Jozadaka, le ty fanahy ty olo sisa nengan'Yaveh iaby, mba handeha ndrozy ka hiasa ty tranon'Yaveh Tompoa ty lako, Ndranaharin-drozy¹⁵ tamy ty andro faha roepolo efatsy amby ty vola faha eny, tamy ty faha roapolo ty tao nanjakan'i Dariosa mpanjaka.

Chapter 2

¹Ta my ty faha fito ty vola tamy ty andro faha roapolo raiky amby ty volana , le niavy tamy alan'i Hagay mpaminany ty safan'Yaveh, nanao hozo: " ²Mivolana amy governoran'i Joda, le i Zerobabela anakilahin'i Sealtiel, noho amy ty mpisona be le i Josoa anak'i Jehozadaka, sady amy ty sisa ty olo. Volano manao hozo:³Ta va ty tavela aminareo ze nahitaky ty trano toy tamy ty voninahitsiny taloha? Manao akoy ty fahitanareo anizay amizao? Ohatsy tsy misy dikany imasonareo eo vasa zay? ⁴Henanizao, manan-danja iha Zerobabela! --- zay ty safan'Yaveh--- sady mahareza, azy be ty mpisoro le i Josoa anakin'i Jehozadaka; sady mahareza , nareo olo iaby amy ty tany! ---zay ty volan'Yaveh--- sady miasa, fa hiaro anareo Zaho!--- zay ty vola Yaveh Tompoa ty lako. ⁵Zay ty fanenkea ge namboariko taminareo laha niboaky baka ta Egypta nareo, sady mipetraky anainareo ao ty fanahiko. Ka mavaka!⁶Fa zao ty vola Yaveh Tompoa ty lako: Anay ty fotoa fohy ty le hanozongozo ty lanitsy noho ty tany, ty riaky, ty riaky noho ty tany maiky ndraiky Zaho! ⁷Hozongozoniko iaby ty firenana iaby, sady handay ty raha sarobidiny Amiko eto ty firenana iaby, sady hatrefiko voninahitsy azy trano toy, hoasa Yaveh Tompoa ty lako.⁸Tiahy iaby ty voalafoty noho ty volamena! Zay ty fanambara ty Yaveh Tompoa ty lako. ⁹Ty voninahitsy ty trano toy le ho bevata amy ty hoavy mandilatsy tamy ty velohany, hoasa Yaveh Tompoa ty lako, sady amy ty toera toy eto no hanomezako ty fianadana! ---zay ty vola Yaveh Tompoa ty lako."¹⁰Tamy ty andro faha roeplo efatsy amby ty vola faha sivy, tamy ty tao faharoa nanjakan'i Dariosa, le niavy tamy Hagay mpaminany ty safan'Yaveh manao hozo: ¹¹Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Manontania azy mpisoro mikasiky ty lala, le volano hozo: ¹²"Laha misy olo manday hena ze natoka hoahin'Yaveh amy ty fivalona ty sikinyu, sady mikasiky ty mofo noho hany, divay na soliky azy fifalonany, ndra karazan-kany, le tsy ho masy va zay?" Namaly azy mpisoro rey le nanao hozo: "Aha."¹³Le hozo tiasan'i Hagay: " Laha misy ze maloto amy ty faty mitsapa raha rey, tsy hanjary maloto va rey?" Namaly azy mpisoro rey le nanao hozo: Eka, manjary maloto rey." ¹⁴Le namaly i Hagay le nanao hozo: " Le manahaky zay koa olo toy noho ty firenana toy anatrehako!--- zay ty volan'Yaveh--- le manahaky zay avao koa ty raha iaby vita ty tanan-drozy: zze asesindrozy ho Tiahy le maloto.¹⁵Henany zao, eritrereto andohanareo ty lasa le zisiky amy zao andro zao mihintsy. Aloha ty hamitiha ty vato anabo ty vato tamy ty fiangonanan'Yaveh ao,¹⁶ le nanano akory moa zay? Laha avy amy ty totalim-bary roapolo meza nareo, le folo avao ro nisy, sady laha avy tamy ty vatan-divay mba hamory dimam-polo meza nareo, le roapolo avao ro nisy. ¹⁷Nahavoa anareo noho ty asa ty tananareo iaby tamy ty vary noho ty may foty Zaho, Fe mbo tsy nimpoky tamiko avao nareo--- zay ty volan'Yaveh. ¹⁸Eritrereto manomboky henany zao, baka amy ty andro faha efatsy amby ty roapolo ty vola fahasivy, baka amy ty andro ze nanengany ty fototsy ty fiangona Yaveh. Eritrereto zay! ¹⁹Mbo misy doria va amy ty trano fitahiriza ao? Tsy namokatsy ty divay, ty hazo ty aviavy, ty ampongaben-danitsy, sady ty hazo ty oliva! Fa manombohiky henany zao le hitahy anareo Zaho!²⁰Le niavy fanindroany tamy Hagay tamy andro faha roapolo efatsy amby ty vola ty safan'Yaveh le nanao hozo: " ²¹Mivolana amy governoran'i Joda, le i Zerobabela, Le volano hozo: " Hanozongozo ty tanitsy noho ty tany Zaho. ²²Safe horavako ty sieza fiadana ty fanjaka sady ho ravako ty hery ty fanjaka ty firenana rey! Horavako azy kalesiny rey noho azy mpitikitsy zay; Hiravoky azy soavaly rey noho ty mpitikitsy anizay, ho maty kiraikiraiky noho ty mesobe ty rahalahany.²³Amy zay andro zay--- zay ty volan'Yaveh Tompoa ty lako--- le halako iha, iha Zerobabela anak'i Sealtiel, ho mpanompoko--- zay ty volan'Yaveh. Hanoviko manahaky ty peratsy fanam-boha kase iha, fa nitingy anao Zaho!--- Zay ty volan'Yaveh Tompoa ty lako!"

Zechariah

Chapter 1

¹Tamy ty fahavalo vola tamy ty tao faha ra nanjaka i Dariosa, le niavy tamy ty Zakaria anakilahy tiahy Berekia anakilahy Ido, mpaminany, ty safa Yaveh, manao hozo: ²"Meloky mare tamy ty razambenao Yaveh! Volano hozo ndrozy: " Meloky mare tamy ty razambenao Yaveh! ³Volano hozo ndrozy: 'zao ty nivolan'Yaveh tompoa ty lako: "Mitoliha amiko atoy! ---zay ro fanambara Yaveh tompo ty lako--- le mitoliky aminareo Zaho, hozo tiasa Yaveh tompoa ty lako.⁴Tokony tsy hanahaky ty razambenareo ze nikaiha ty mpaminany rey taloha teo, manao hozo: "zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Mila amy ty lala raty nareo!" fa tsy nahare ndrozy sady tsy nidary Ahy--- zay ty fanambara Yaveh." ⁵Azy razambenareo, aia ndrozy? Aia ty mpaminany, atoa mandrakizay va ndrozy? ⁶Fa azy safako noho ty lalako ze nisereko mpaninany mpanompoko rey, tsy fa nahatratsy ty razambenareo va nareo? Le nivavaky ndrozy sady nanao hozo: " Araky ty fa nilahatsy Yaveh tompo ty lako hanovy aminay ze maeva ty lalanay noho asanay rey, ro nanoviny taminay.""⁷Tamy ty faha ropolo efatsy amby

tamy faha folo raiky amby ty vola, ze vola ty Sebata, amy ty tao faharoe nanjka i Dariosa, le niavy tamy zakaria, anakilahy tiahy Berekia anakilahy ty Ido, azy mpaminany, ty safa Yaveh, manao hozao: ⁸"Nahita tamy nankaly zaho, le, ingo! nisy lahilahy raiky nitikitsy sovaly mena, le tamy ty haro rotsy ze tambaiboho teo ie; le tafaraniny le nisy soavaly mena, volontany mangalatsy mena, sady sovaly foty." ⁹Hozao tiasako: " Ino ty raha manahaky retia, lahy Tompo?" Bakeo le nisy anjely raiky nivola tamiko nanao hozao: " Ho ambarako hoe ino ty raha rey." ¹⁰Le azy lahilahy ze nitsanga tamy ty hazo rotsy iny teo namaly le nivola hozao: "rey ty nampandina Yaveh mba hikarikarioky heniky ty tany." ¹¹Namaly azy anjely Yaveh ze nitsanga tamy ty hazo rotsy iny ndrozy; hozao tiasandrozy: "fa nikarikarioky heniky ty tany toy zahay; ingo, ty tany iaby mbo mipetraky noho mijano." ¹²Le namaly hozao azy anjely Yaveh iny: "Nao lahy Yaveh tompoa ty lako, zisiky ombia ro hatoronao tsy fandefera amy Jerosalema noho amy ty tana tiahy Joda ze fa niaritsy heloky fa fitopolo tao zay?" ¹³Namaly azy anjely ze nivola tamiko iny, tamy ty safa soa, safa fampahereza Yaveh. ¹⁴Le nivola tamiko azy anjely iny le niresaky tamiko manaohozao: "Mikaiha mare sady mivolana manao hozao: "Manarahy tamy ty fitiava bevata tamy Jerosalema noho tamy Ziona Zaho! Meloky mare amy ty firenena ze anay ty filamina rey Zaho. ¹⁵Laha mbo nimelokykely tamy rey zaho, le vo maiky nampaharaty ty fahora ndrozy. ¹⁶Lafa zay le zao tiasa Yaveh tompoa ty lako: "Fa nimpoly tamy Jerosalema tamy fandefera Zaho. Ho amboary anay ty tranoko----zay ty fanambara ty tompo ty lako--- le ty fanamboara le ho henjany amy Jerosalema!" ¹⁷Mikaiky mare manao hozao ndraiky, manao hozao: ' ia ro volany ty Yaveh tompoa ty lako: Ho tondraky soa ndraiky azy tanako rey, sady hampahery any Ziona ndraiky Yaveh, sady hitingy any Jerosalema ndraiky Ie." ¹⁸Le nampiandra ty masoko zaho le nahitaky tsifa efatsy! ¹⁹Nivola tamy anjely ze nivola tamiko zaho nanao hozao: "Ino va rey?" Namaly ahy hozao ie: "Retia ro tsifa ze fa naparitaky i Joda , Israely noo Jerosalema." ²⁰Bakeo le nanatoro mpanao asa tana efatsy tamiko Yaveh. ²¹Hozao tiasako: "Ino va ty anto ty olo rey?" Namaly hozao Ie: "Rey ty tsifa ze nanaparitaky any Joda mba tsy hisy olo afaky hampiandra ty lohany. Faazy olo rey le niavy mba handroaky androzy, mba handrava ty tsifa ty firenena ze nanondrotsy ty tsifa manaohitsy ty tany tiahy Joda mba hanaaritaky azy"

Chapter 2

¹manaraky zay le nanondrotsy ty masoko zaho le nahita lahilahy niaraky tamy ty talyu fametara tan-taany teny.

²Hozao tiasako: "handeha ho aia iha?" Le hozao tiasako taminy: "hanaetatsy any Jerosalema, hamaritsy ty sakany noho ty halavany,"³Le nandeha azy anjely nivola tamiko le nisy anjely raiky hafa niboaky mba hitsena azy.

⁴Hozao tiasa ty anjely faharoe iny taminy: "Milaisa le mivolana amy pamaraky iny; volano hozao: 'Hipetraky amy ty tana misokatsy i Jerosalema noho ty halakoa ty olo noho ty biby aminy ao. ⁵Fa Zaho---zay ty vola Yaveh---le hanjary manda afo ty mihodidy azy, le ho voninahitsy anivony eo Zaho. ⁶Malaky! Malaky! Milaisa baka amy ty tany avaratsy---zay ty vola Yaveh---fa zaho fa nampiparitaky anareo manahaky ty tsioky efatsy ty lanitsy! ---Zay ty vola Yaveh. ⁷Eh! Milaisa mandeha a Ziona any, nareo ze miharo petraky amy ty anakampela tiahy Babylona!'"⁸Fa tafara ty nanomeza Yaveh tompoa ty lako ty voninahitsy ahy noho nampandinany ahy hanohitsy azy firenena ze nandrava anareo--- fa ndra ia ndra ia mikasiky anareo, le mikasiky ty voamason-Dranahare!---lafa baka nanao anizay Yaveh, le hozao Tiasany: ⁹"Zaho mihintsy ro hanampatsy ty tananko amindrozy, le ho azo sambotsy hoahy ty andevony ndrozy."Le ho hainareo fa Yaveh tompoa ty lako ro nampaniraky ahy.¹⁰"Mihira hoamy ty fifalia, lahy anakampela i Ziona, Fa Zaho mihintsy ro ho avy noho hivory aminareo eo!---zay ty vola Yaveh." ¹¹Bakeo firenena bevata hiaraky amy Yaveh amy andro zay. Hozao tiasany: "Le hanjary oloko nareo; fa hivory anivonareo eo Zaho,"le ho hainareo fa Yaveh tompoa ty lako ro nampaniraky ahy ho aminareo eo.¹²Fa Yaveh hampandova aany Joda manahaky ty hanagnany ara-dala amy ty tany masy any sady hitingy ndraiky an'i Jerosalema ho tiazy. ¹³Ka mivola, anatreha Yaveh eo, lahy ty nofitsy iaby, fa nitsanga baka amy ty fipetrahany masy le!

Chapter 3

¹Bakeo Yaveh nampitro ahy an'i Josoa azy mpisoronabe ze nitsanga taloha ty anjely tiahy Yaveh noho Devoly nijanga tan-tanan-kavanany mba hanasara azy ho nanota. ²Hozao tiasa ty anjely Yaveh tamy ty Devoly: "Hivola mare anao lahy Yaveh, iha Devoly; Yaveh, ze nitingy any Jerosalema lahy, hivola mare anao! Vasa tsy kata nisaraha tamy ty afo va toy? ³Nisiky siky maloto Josoa lafa nitsanga tanila anjely iny teo. ⁴Nivola anjely iny le niresaky tamy ze nitsanga talohany teo manao hozao: "Apotaho aminy eny azy siky maloto rey." Le hozao tiasany tamy Josoa: Ingp! fa nafahako taminao ty fahadisoanao le hampisikiniko siky soa iha." ⁵Hozao tiasany: "Engaho ndrozy hanenga hamama malio tanabo ty loha i Josoa ndrozy sady nampisiky azy tamy ty siky malio lafa nitsanga tanilany teo anjely tiahy Yaveh iny. ⁶Bakeo azy anjely tiahy Yaveh iny nisery am-pahavaka any Josoa sady nivola hozao: ⁷"Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Laha handeha amy ty lalako iha, sady laha hidary ty liliko iha, le hifehy ty tranoko iha sady hiamby ty kianjako, safe hengako handeha noho hihility amy ze mitsanga alohaKo eo iha. ⁸Janjino, lahy Josoa mpisoronabe, iha noho namanao ze mipetraky miaraky aminao rey! Fa famantara ay olo rey, safe Zaho mihinty ro hampiakatsy ty mpanompoko azy Rantsana. ⁹Le henteo azy vato ze nengako aloha i Josoa eo. Misy maso fito amy ty vato mitoka io, le hanao sary soratsy Zaho--- zay ty vola Yaveh tompoa ty lako--- sady hagnafaky ty fahota amy tany toy anay ty andro raiky Zaho. ¹⁰Amy fotoa zay--- zay ty vola Yaveh tompoa ty lako--- ty olo kiraikiraiky le hanasa ty mpiharo petraky aminy mba hipetraky ambany ty voalobokiny noho ambany ty hazo ty aviaviny."

Chapter 4

¹Bekeo nitoliky le nanaitasy ahy manahaky ty olo tairy amy ty torimasony azy anjely nivola tamiko iny. Hozao tiasany tamiko: "Ino va ty nihitanao?" ²Le hozao tiasako: "Mahita fasian-jiro vita baka amy ty volamena vatany zaho, miaraky amy ty fasia soliky anabony eo. Misy lela ty fasia jiro fito amizay eo sady misy loaky fito anabo ty lahin-jiro kiraikiraiky. ³Misy hazo ty olova roe anilanizay eo, ty raiky amy ty ilany eo amy ty tanan-kavana amy ty fisia ty soliky le ty raiky hafa amy ty ilany an-kavia." ⁴lafa zay le nivola tamy azy anjely ze nivola tamiko ndraiky iny zaho. Hozao tiasako: "Ino va ty dika ty raha rey, lahy tompoko?" ⁵Namaly ahy azy anjely ze nivola tamiko iny manao hozao: "Tsy hainao va ty dika ty raha rey?" Le hozao tiasako: "Aha, lahy tompoko." ⁶Lafa zay le hozao tiasany amiko: "Zao ty safa Yaveh tamy Jerobabela: Tsy amy ty hery ndra amy ty hatanjaha, fa baka amy ty Fanahiko, hooasa Yaveh tompoa ty lako. ⁷Ino moa iha? Hanjary tany mahavokatsy aloha ty Zerobabela ih, sady handay ty vato hanova tendrony ie mba hikoraky manao hozao: "Fahasoava! Fahasoava ho amizay!" ⁸Niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao hozao: ⁹"Nanenga ty fototsy ty trano toy ty tana i Zerobabela sady hamita anizay ty tanany. Le ho hainao fa Yavehtompoa ty lako ro nampaniraky ahy ho aminao. ¹⁰Ia ty tsy nidary ty andro ty raha maliniky? Hifety olo rey sady hahitaky ty vato pilao an-tana i Zerobabela eny. (azy lahin-jiro fito rey ro maso ty Yaveh ze magnenty zao tontolo zao.) ¹¹Bakeo le nanontany azy anjely iny manao hozao zaho: "Ino ty hazo ty oliva roe ze mitsanga an-kavia noho an-kavana ty fasian-jiro rey?" ¹²nanontany azy ndraiky manao hozao Zaho: "Ino va azy tahon-kazo oliva roe anila ty loaky volamena roe ze misy soliky volamena mite baka aminy eo rey?" ¹³Bakeo le hozao tiasany amiko: "Tsy hainao hoe ino va rey?" Hozao tiasako: "Aha, lahy tompoko." ¹⁴Lafa zay le hozao tiasany: "rey ty anaky soliky vaovao ze mitsanga aloha ty Tompo ty kila raha iaby zao."

Chapter 5

¹Le nitoliky zaho le nampandra ty masoko, le nahitaky, ingo, horonan-taratasy mitily! ²Hozao tiasa anjely iny tamiko: "Ino va ty hitanao?" Le namaly hozao zaho: "Horonan-taratasy mitily ro hitako, roapolo hakiho ty halavany le hakiho folo ty sakany."³Le hozao tiasany amiko: "Toy ty ozo ze miboaky heniky zao tontolo zao, fa ty mpangalats iaby le ho rava manomboky zao ze mifototsy amy ty ze nivolaniny amy ty hafa,le azy ze mivola fifanta vandy le ho rava ze mifototsy amy ze volaniny amy ty ilany hafa, araky ty safandrozy. ⁴"Ho aboakako zay---zay ty fanambara Yaveh tompoa ty lako---le hilitry an-trano ty mpangalatsy noho an-trano ze mifanta vandy amy ty anarako zay. Hipetraky an-tranony ao zay sady hanimba ty hazony noho azy vatony rey."⁵Le niboaky azy anjely ze niresaky tamiko sady nivola hozao tamiko: "Ampiandrao ty masonao le henteo ze avy eo" Le hozao tiasako: "Ino va igny?" ⁶Le hozao tiasany: "Haro misy efaha azy avy iny. Toy ty fahadisoan-drozy amy ty kila tany iaby."⁷Le nafaha tany ty haro ty firaky fandongofa le nisy ampela tamban'izay tao le nitoboky tao!⁸Le nivola hozao anjely iny: "Faharatia toy!"Natorany tanay ty haro ndraiky ie, le natorany tany ty famoha azy ravaky fandongofa iny. ⁹Nampandra ty masoko zaho le nahita ampela roe magnanto ahy, le ty tsioky le tany ty elatsin-drozy---fa nana elatsy manahaky ty elatsy ty voropoty ndrozy.Nampionjo ty haro tanelanela ty tany noho ty lanitsy ndrozy.¹⁰Le nivola tany anjely ze niresaky tamiko zaho manao hozao: "Handesindrozy mbaia va haro iny?"¹¹Le hozao tiasany tamiko: "Hanamboara fiangona an-tany tiahy Sinara ho tiahy zay, ka llafo vono ty fiangona, le hampitoery amy ty fototsy voaoma ho tiahy any haro iny."

Chapter 6

¹Le nitoliky zaho le nampandra ty masoko le nahitaky kalesy efatsy niboay baka anelanela ty vohitsy roe; sady azy vohitsy roe rey le vita baka amy ty saba. ²Ty kalesy velohany le nana sovaly mena, ty kalesy faharoa nana sovaly mainty, ³ty kalesy faha telo nana sovaly foty le ty kalesy faha efatsy le nana sovaly vanda misy foty. ⁴Le namaly zaho le nivola tany anjely niresaky tamiko iny manao hozo: "Ino va rey io, lahy tompoko?"⁵Namaly anjely iny le nivola hozo tamiko: "Rey ty tsioky efatsy ty lanitsy ze niboaky baka an-toera ze nitsanganandrozy taloha ty Tompo ty kila tany iaby. ⁶Azy raiky ze miaraky amy ty sovaly mainty iny le miboaky mandeha amy firenena avaratsy any; azy sovaly foty rey le miboaky mandeha amy firenena andrefa any; le azy sovaly vanda misy foty le miboaky mandeha amy ty firenena antimo any."⁷Azy sovaly matanjaky rey le niboaky sady mila handeha noho hikorikarioky amy ty tany eny, le hozo tiasa ty anjely iny: "Mandina mikarikarioky amy ty tany eny!" le nandeha heniky ty kila tany iaby ndrozy. ⁸Le nitoreo tamiko ie le nivola tamiko hozo: "Hentao ze miboaky ho amy firenena avaratsy rey; hampilamy ty fanahiko mikasiky ty firenena avaratsy ndrozy."⁹Le niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hozo: ¹⁰"Mangala fanday amy ty tany an-tsesitany--- baka a Helay, Tobia, le Jedaia--- sady mandina amy andro zay avao le alao an-trano i Josia anaky Zefania ao, ze baka aBabylona anyzay. ¹¹Le amangala volafoty noho ty volamena, manisia satrom-boninahitsy le apitiho amy loaha i Josia anakilahy i Jozadaka eo, azy mpisorpnabe iny zay."¹²Miresaha aminy sady volano hozo: "Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: "Azy lahilahy toy, ty anarany le i Rantsana! Hitombo amy ty misy azy eo ie sady hanampoatsy ty fiangona yaveh!"¹³Le ro hanampoatsy ty fiangona Yaveh sady hampitsanga anabo ty fipirahan'izay; le hitoboky noho hanapaky amy ty sieza fiadanany eo ie. Ho mpisoro amy ty sieza fiadanany ie sady hisy tyfahazavan-tsay ty fiadanana amindrozy roe."¹⁴Henga amy ty fiangona Yaveh eo ty satrom-boninahitsy hanomeza voninahitsy an'i Helema, Tobia, noho Jedaia sady ho fahatiarova ty hasoa fanahy ty anakilahy i Zefania. ¹⁵Le azy levitsy rey le ho avy noho hanampoatsy ty fiangona Yaveh, le ho hainao fa Yaveh tompoa ty lako ro nampaniraky ahy ho aminareo; fa hiseho za laha vatany mijanjy ty feo Yaveh Ndranaharinareo nareo!"

Chapter 7

¹Tamy Dariosa mpanjaka ro nampakary naharitsy efatsy tao, tamy ty faha efatsy andro nanjaka i Kisleva (ze faha sivy ty vola), le niavy tamy Zakaria ty safa Yaveh. ²Nandefa an'i Serezera noho Regema-meleka sady olony rey ty olo i Betela mba hangataky aloha ty vatany Yaveh. ³Niresaky tamy mpisoro ze tan-trano Yaveh tompoa ty lako noho tamy mpaminany rey ndrozy; hozao tiasandrozy: "Tokony hisaona amy ty alala ty fifalian-kany va zaho amy ty vola fahalimy toy, manahaky ze fa nanoviko tao lako rey?"⁴Le niavy tamiko ty safa Yaveh tompoa ty lako, manao hozao: ⁵"Mivolana amy ty mpipetraky amy ty tany iaby noho amy mpisoro rey le anovo hozao: 'lafa mifaly hany noho nisaona tamy ty vola faha limy noho fahafito nare naharitsy fito tao zay, va nifaly hany ho Tiahy vatany nareo? ⁶Laha nihina noho nino hoahy ty vatanareo nareo? ⁷Vasa tsy safa rey avao ro nivolana Yaveh tamy ty vava ty mpaminany rey taloha, tamy mbo nipetraky ta jerosalema tao nnoho azy tana mihodidy tamy ty fahasoava sady nipetraky ta Negeva tao, noho malemy atsisy ty riaky andrefa any nareo?"⁸Niavy tamy zakaria ty safa Yaveh, manao hozao: ⁹"Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: 'Mitsara amy ty fitsara to, fanenkea atokisa, sady fandefera. Tokony hanao anizay amy ty rahalahany iaby ty olo kiraikiraiky. ¹⁰Ty amy tsy mana-baly noho ty kamboty, ty vahiny, noo ty amy olo mijale- ka mampijaly androzy, le tokony tsy hisy aminareo hihevitsy hanisy raty ty hafa anainareo ao."¹¹Fe nanda ni hijanjy ndrozy. Nanampy ty sofiny ndrozy mba tsy hahare. ¹²Nanamafy ty fony manahaky ty vato ndrozy mba tsy hahare ty lily ndra azy safa Yaveh tompoa ty lako. nandefa ty hafatsy rey hoahy ty oloko tamy alala ty fanahiny tamy ty fotoa taloha, tamy alala ty vava ty mpaminany Ie. Fe nanda tsy nijanjy ty olo, le nimeloky mare tamindrozy Yaveh tompoa ty lako.¹³Lafa nikaiky Ie, le tsy nijanjy ndrozy. Manahaky zay avao," Hozao tiasa Yaveh tompoa ty lako," ro nikaihan-drozy mare Ahy, fa tsy hijanjy Zaho. ¹⁴Fa haparitako amy ty talio amy firenena iaby rey ze mbo tsy nihitan-drozy, sady ho haolo manoriky androzy ty tany. fa tsy misy olo handrio amy ty tany ndra himpoly amizay safe fa namakily ty tanindrozy soa ho tany bevata ty olo."

Chapter 8

¹Niavytamiko ty safa yaveh tompoa ty lako, nanao hozao: ²"Zao ro nivolany Yaveh tompoa ty lako: "Tea mare any Ziona tany ty zotom-po bevata zaho sady manarahy amy ty heloky bevata zaho! ³Zao ty nivola Yaveh tompoa ty lako: himpoly a Ziona any Zaho sady hipetraky anivo i Jerosalema, fa efa nikaiha hoe azy tana ty Ha tò i Jerosalema sady ty vohitsy Yaveh tompoa ty lako le ho kaiha manao hozao Azy Vohitsy masy iny!⁴ao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Lahilahy antitsy noho ampela antitsy ndraiky ro ho an-dala bevata i Jerosalema, le ty olo kiraikiraiky hila kobay ho an-tanany eny safe fa miha antitsy ie. ⁵Ho atriaky pamaraky noho somondrara mihisa amy ty lala bevata ty tana. ⁶zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Amy fotoa zay laha misy raha tsy hay anovy imaso ty olo sisa tavela, le tokony tsy ho hay anovy imasoko eo koa va zay?--- zay ty fanambara Yaveh. ⁷Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Ingo, fa an-dala ty fanafaha ty oloko amy ty fiboaha ty masoandro Zaho sady amy ty tany filenteha ty masoandr! ⁸Fa handay androzy himpoly Zaho, le hipetraky anivo i Jerosalema ndrozy, mba ho oloko ndraiky ndrozy, le ho Ndranaharindrozy amy ty tò noho amy ty fahamarina zaho!⁹Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: "Iha ze manohy mijanjy ty safa mifanahaky ze niboaky baka amy ty vava ty mpaminany rey lafa napitiky ty fototsy ty tranoko---tranoko toy, Yaveh tompoa ty lako: Atanjaho ty tananao mba ho voatsanga ty fiangona. ¹⁰Fa taloha anizay andro zay le tsy nisy vokatsy voavory ty olo, tsy nisy tombony ndra hoahy ty olo ndra hoahy ty biby, sady tsy nisy fiadana hoahy ze olo miboaky ndra militsy baka amy ty vahavalo rey. Fa nanenga ty olo kiraikiraiky hanohitsy ty namany Zaho. ¹¹Fa henanizao, le tsy hanahaky ty andro taloha, hiaro ty sisa ty olo toy Zaho--- zay ty fanambara Yaveh tompoa ty lako. ¹²Fa hafafy ty foa ty fiadana; le hanome ty vihiny ty hazo voaloboky le ty tany hanome vokatsy ty famboleny; hanome ty andony ty lanitsy, fa hampandovako ze kila raha iaby zay ty sisa amy ty olo toy.¹³Manahaky ty firenena ty ozo hafa nareo, lahy tariha i Joda noho tariha Israely. Le hamonjy anareo Zaho le ho fitahia nareo. Ka mavaka; tokony hatanjaky ty tananareo! ¹⁴Fa zao ty voala Yaveh tompoa ty lako: manahaky ty nanomanako hanao raty taminareo lafa nahameloky Ahy ty razambenareo--- hoasa Yaveh tompoa ty lako--- sady tsy nandefitsy Zaho, ¹⁵ro hanomanako hanao raha soa ndraiky hoahy Jerosalema noho ty tariha i Joda avao koa amy fotoa zay! Ka mavaka!¹⁶tia ty raha tsy maintsy hanovinao: Mivolana ty mary, amy ty namany ty olo kiraikiraiky. Mitsara amy ty mary, ha tò, sady fiadana amy ty vavahadinareo eo. ¹⁷Ka manao fikasan-draty anainareo ao amy ty hafa, sady ka tea fiainana tsy ie---safe malay ty raha rey Zaho! --- zay ty vola Yaveh."¹⁸Le niavy tamiko ty safa Yaveh tompoa ty lako, manao hozao: ¹⁹"Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Ty fifalian-kany amy ty faha efatsy ty vola, faha limy ty vola, fahafito ty vola, le ty faha valo vola, le ty faha folo ty vola le hanjary fotoa ty fifalea, fanaova fety, sady fotoa soasoahoahy ty tariha i Joda! Lafa zay le mila tea ty fahamarina noho ty fiadana!²⁰Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Ho avy ndraiky ty olo, dra azy mipetraky amy ty kila tany samby hafa rey aza. ²¹Hanedaha amy ty tana hafa ty mpipetraky ty tana raiky le manao hozao: "Tokony handeha malaky aloha Yaveh eo tsika le hila an'Yaveh tompoa ty lako! Handeha avao koa tsika. ²²Olo lako noho ty firenena mahery lako ro ho avy hila an'Yaveh tompoa ty lako a Jerosalema sady hangataky ty fankasitraha Yaveh!²³Zao ty vola Yaveh tompoa ty lako: Amy fotoa zay le lahilahy folo baka amy ty fivolana noho firenena iaby ro hitanjaky ty moro ty sikinao sady hivola hozao : 'Engaho zahay hagnoriky anao, fa ni renay fa miaro anao Ndranahare!'"

Chapter 9

¹Zao ty fanambara ty safa Yaveh mikasiky ty tany tiahy Hadraka noho Damaskosy. Fa ty maso Yaveh le amy ty olombelo iaby, le amy ty fokoa Israely iaby. ²Azy fanambara toy avao koa le mikasiky tiahy Hamata, ze marikitsy amy damaskosy, sady mahakasiky an'i Tyro noho Sidona zay, ndra le vatany hendry aza ndrozy. ³Fa namboatsy fiarova mare hoahy ty tany i TYro sady namory volafoty manahaky ty posiera noho volamena noasa manahaky ty fotake an-dala eny. ⁴Ingo! Hhandrava azy Ndranahare sady hanimba ty hatanjahany an-driaky, mba ho tranaky ty afo ie. ⁵Hahitaky i Askelona le havaka! Hangitikitiky avao koa i Gaza! Ekrona, ho foa ty fampitamaniny! Ho maty a Gaza any ty mpanjaka, le i Askelona le tsy hisy mipetraky sasy! ⁶Hanamboatsy ty tranony a Asdoda ao ty vahiny, sady hampieny ty firengerengea ty Filistina rey Zaho. ⁷Fa hanafaky ty lion-drozy baka amy ty vavany eo Zaho sady ty fahavetavetan-drozy anelanela ty hiny eo. Le hanjary sisa hoahy ty Ndranaharitsika manahaky ty fooko i Joda any ndrozy, le i Ekrona le hanjary manahaky azy Jebosita rey. ⁸Hivory mihodidy ty taniko Zaho mba hanohitsy ty miaramila ty fahavaloko le tsy hisy ndra raiky aza afaky mandroso ndra mimpoly, fa tsy hisy mpampijale handalo amy zay eo sasy. Fa henanizao le hiamby ty taniko amy ty masoko Zaho! ⁹Mifalia amy ty fifalia bevata, lahy anakampela i Ziona! Manompoa amty fifalea, lahy anakampela i Jerosalema! Ingo! Avy amy ty ha to aminao ty mpanjaka sday manafaky anao. Manambany vata ie le mitikitsy anabo ty boriky, anabo ty anaky boriky. ¹⁰Le ho ravako ty kalesy baka a Efraima any noho ty sovaly baka a Jerosalema any, le ty kititsy le tsy hisy amy ty aly; fa hivola fiadana amy firenena rey, le ty fanapahany le ho avy amy ty riaky le zisiky amy ty riaky, le zisiky amy ry renirano le zisiky amy ty faravazan-tany! ¹¹Laha ty aminareo, noho ty lio ty fanenkeako amonareo ao, le afahako baka an-davaky ze tsy misy rano ao azy gadranareo rey. ¹²Mimpolia may ty fiarova mare any, lahy gadra ty fampitamany! Eka fa ndra androany aza le mivola Zaho ¹³fa hanonotsy anabo indroa mandilatsy aminareo, fa nanenja any Joda ty kititsiko tany Sfraeima Zaho. Fa nanaity ty anakilahinareo Zaho, lahy Grisias, sady fa nampanao anareo manahaky ty mesobe ty mpialy rey Zaho, lahy Ziona! ¹⁴Niboaky tamindrozy Yaveh, le nitifitsy manahaky ty tselatsy ty kititsy! Fa Yaveh Tompoko hitsoka trompetra sady nandroao baka amy ty tsioky baka a Temana any. ¹⁵Yaveh tompoa ty lako ro hiaro androzy, sady handrava androzy noho handresy ty vato pilitsiny rey. Le hino ndrozy sady hivolambola manahaky ty olo mamono ty divay, sady ho atsiky divaymanahaky ty fingany rey ndrozy, manahaky ty zoro ty alitara. ¹⁶Le amy zay fotoa zay le hamonjy androzy Yaveh Ndranahareny, le hanjary manahaky ty aondry ty olony ndrozy, fa ndrozy rey ro ho ravaky ty satro-boninahitsy, hasondrotsy amy ty taniny. ¹⁷Fa manao akory ty soa noho ty hampelasoa ndrozy! Hitiry amy vary eo ty tovolahany le ty virijiny amy ty veloboky mamy!

Chapter 10

¹Mangataky ora amy Yaveh amy ty fotoa ty oran-dohantao---Yaveh manao hotrok'ora--- sady manome ora mare hoahy ty kila olo iaby noho ty akata maintso am-baibo eny. ²Fa asy sampy an-tokatrano le mivola vandy; ty mpitsikily manao sary aneritseritsy vandy; mivola nofy verivery ndrozy sady manome fampionona fahatany, le mikarikarioky manahaky ty aondry sady mijaly noho ty fisia ty mpiamby androzy.³Ty heloko le mirehitsy amy ty mbiamby aondry; azy aosy lahy rey---mpitariky--- ro ho saziako. Yaveh tompoa ty lako avao koa le hanatriky ty aondry rey, le ty tariha i Joa, sady hanao androzy manahaky ty sovaly fandesiny amy ty aly!⁴Baka amindrozy ro hiavia ty vato fehizoro; baka amindrozy ro hiavia ty fihan-tonan-draha ty lay; baka amindrozy ro hiavia ty kititsy fiadia; baka amindrozy ro hiavia ty mpitariky iaby hiharo. ⁵Hanahaky ty mpialy ze manitsaky ty fahavalony amy ty fotaky ty lala amy ty aly ndrozy; hialy ndrozy, safe Yaveh ro miaro androzy, sady hahamenatsy azy mitikitsy sovaly ty alin-drozy rey.⁶Hampahery ty tariha i Joda Zaho sady hamonjy ty tariha i Josefa; fa hampipoly androzy amy ty taloha Zaho le handefitsy amindrozy. manahaky hoe tsy tsy nenkeko ndrozy, safe Zaho ro Yaveh Ndranaharindrozy, sady hamaly androzy Zaho. ⁷Le hanahaky ty mpialy i Efraima, sady hifaly manahaky ty azo ty divay ty fondrozy; hahiyaky anizay ty anany le hifety. Hifaly Amiko ty fondrozy!⁸Hisioky hoahindrozy Zaho sady hamory androzy Zaho, le hanjary bevata manahaky ty taloha ndrozy! ⁹Namafy androzy tany ty olo teny zaho, fe hahatiaro Ahy amy ty firenena lavitsy ndrozy, le ho velo noho himpoly ndrozy noho ty anakiny. ¹⁰Fa hampipoly androzy baka amy ty tany Egypta Zaho sady hamory androzy baka a Asyria. Handay androzy rey amy ty tany a Gileada noho Libanona any Zaho zisiky tsy hisia ty efitsy trano hoahin-drozy sasy.¹¹Hanapatapaky ty ranomaso ty fijalea ndrozy rey zaho; handrava ty onja ty riaky zay Zaho sady handritsy ty laliky Neily iaby. Hambania ty voninahitsy i Asria, le ty kobay ty fanjaka tiahy Egypta hiala amy ty Egyptiana rey. ¹²Hanamafy fototsy androzy amiko Zaho, sady handeha amy ty anarako ndrozy---zay ty fanambara Yaveh.

Chapter 11

¹Vohao ty vravaranao, lahy Libanona, mba handrava ty afo ty sederanao! ²Misaona, lahy ty hazo Kypreso, fa efa niravoky ty hazo sedera! AZy abo rey fa nombota! Misaona, nareo lahy hazo terebinta tiahy basana, fa efa rava ty ala matevy. ³Mitoretoreo azy mpiaraky aondry rey, fa rava ty voninahitsy ndrozy! Mierotsy ty feo ty anaky liona, fa rava ty rengirengy ty renirano Jordana! ⁴Fa zao ty vola ty Yaveh Ndranahariko: "Manahaky ty mpiaraky aondry, miamby ty aondry ze tokony ho voanoa!" ⁵(mamono androzy azy hivily azy rey sady tsy voasazy, sady azy mamarotsy azy rey manao hozao: 'Isaora lahy Yaveh! Fa nanjary mpanarivo zaho!' fa azy mpiaraky rey miasa hoahy ty tompo ty aondry rey le nalahelo androzy.) ⁶Fa tsy haferinay ty mpipetraky amy ty tany sasy Zaho!--zay ty fanambara Yaveh. Ingo! Ty vatako mihintsy ro hampipoly ty ty iaby an-tana ty namany noho an-tana ty mpanjakany, sady handrava ty tany ndrozy sady tsy hisy ndra raiky amindrozy aza hahafako an-tanan-drozy eo."⁷Le nanjary mpiamby ty andry nolahary ho vonoa Zaho, hoahy ze manday ty aondry. Handramby kobay roe Zaho; ty kobay raiky kaihiko hozao "Fahasoava" le ty raiky hafa kaihiko manao hozao "Fikambana". Tamy fomba zay ty niambenako ty oondry. ⁸Mpiaraky aondry telo ro nivonoako tanay ty vola raky, safe tsy naharitsy tamindrozy rey zaho, sady nanaboka ahy avao koa ndrozy. ⁹Le hozao tiasako tamy ty tompo ty aondry: "Tsy hiasa ho mpiaraky aondrinao sasy zaho. Ty aondry ze nimaty--- le engaho ho maty, ty aondry ze rava---le engaho ho rava. Engaho ty aondry ze sisa tavela samby hihina ty nofitsy ty namany."¹⁰Le norambesiko ty kobaiko "Fahasoava" le nosimbako zay mba handravako ty fanenkea ze fa nanoviko tamy ty fokoko iaby. ¹¹Tamy andro zay le rava azy fifanenkea iny, le ze nanday ty aondry noho nagnenty Ahy le nahay fa nivola Yaveh. ¹²Le hozao tiasako tamindrozy: "Laha soa aminare zay, le avaho ty karamako. fa laha tsy zay, le engaho avao." Le nilanjan-drozy ty karamako---sekely volafoty telopolo.¹³Le hozao tiasa Yaveh tamiko: "Engaho amy ty fipetraha ty rakitsy ty folafoty, ty karama soa mare ze nanampeandrozy rey anao!"Le nalako ty sekely volafoty telopolo le nengako tamy ty fipetraha ty rakitsiko tan-trano tiahy Yaveh. ¹⁴Bakeo nosimbako ty kobaiko faharoe, "Fikambana," mba handrava ty firalahia tiahy Joda noho Israely.¹⁵Hozao tiasa Yaveh tamiko: "Alao hoahy ty vatanao ndraiky ty fitaova ty mpiaraky aondry geggy, ¹⁶fa ingo, hanenga mpiaraky aondry amy tany eo Zaho. Tsy nidary ty aondry maty ie. Tsy hila ty aondry very ie, ndra hampijanga ty mikondray. Tsy hampihina ty aondry ze salama ie, fa hihina ty nofitsy ty aondry vondraky sady hagnaramo ty khotrok'irey.¹⁷Loza hoahy ty mpiaraky aondry tsy mendriky ze mahafoty ty aondry1 Hamango ty sandriny noho ty masonry an-kavana lahy ty mesobe! Halazo lahy ty sandriny sady ho jiky ty maony ankavana!"

Chapter 12

¹Ty ty fanambara ty safa Yaveh mikasiky an'Israely--- fanambara Yaveh, ze nanatratsy habakabaky rey noho nanengafototsy ty tany, ze nanamboasty ty fanahiny ty olombelo anay ty olo ao manao hozao: ²"Ingo, an-dala hanamboara ty Jerosalema anay ty kapoaky Zaho hahavy ty olo rey iaby mihodidy azy ho fanimpany. Le manahaky zay avao koa tiahy i Joda zisiky ty arosaro tiahy Jerosalema. ³Amy fotoa zay, hanoviko ho vato mavesatsy hoahy ty kila olo iaby i Jerosalema. ze manandra ty hanongaky vato zay le handratsy mare ty vatany, le hiaro hanohitsy anizay tana zay azy firenena ty tany iaby. ⁴Amy fotoa zay---zay ty vola Yaveh---hamango ty sovaly kiraikiraiky amy ty horohoro Zaho le ty mpitikitsy azy amy ty fahakivia. Hagnenty amy ty fankasitraha ty tariha i Joda Zaho sady hamango ty sovaly ty miaramila amy ty tsy fahita. ⁵Bakeo azy mpitariky i Joda rey hivola anay manao hozao: "Azy mpipetraky a Jerosalema ro tanjakitsika noho Yaveh tompoa ty lako, Ndranaharindrozy. ⁶Amy fotoa zay le anoviko manahaky ty fatapera mirehitsy amy ty hazo eny manahaky ty jiro amy ty amboara ty mpitariky ty Joda eny, fa ndrozy ro handrava ty firenena iaby mihodidy an-kavanany noho ankaviany rey. Hipetraky amy ty toerany ndraiky i Jerosalema." ⁷Hamonjy ty lay tiahy Joda Yaveh, mba tsy ho bevata tany ty sisa tavela amy ty Joda ty voninahitsy ty taranaky Davida noho ty voninahitsyze mipetraky a Jeroalema ao. ⁸Amy fotoa zay le ho mpiaro ty mpipetraky a Jerosalema Yaveh, le amy fotoa zay azy kivy amindrozy rey le hanahaky an'i Davida, le ty taranaky Davida le hanahaky an-Dranahary, manahaky ty anjely Yaveh alohandrozy eo. ⁹Amy fotoa zay le hanomboky handrava firenena iaby ze avy hanohitsy any Jerosalema Zaho. ¹⁰Fe hampiraraky ty fanahy ty fifandefera noho fitoreova amy ty tariha i Davida noho ty mpipetraky a Jerosalema Zaho, mba hitolihandrozy Amiko, azy Raiky ze noravandrozy. Hisaona noho ty Amiko, manahaky ty olo misaona noho ty amy ty anakilahy toha ndrozy; hisaona ho Tiazy manahaky ze miasaona rey noho ty fahafatesa ty velohan'anaky ndrozy. ¹¹Amy fotoa zay ty fisaonana a Jerosalema ao le hanahaky ty fisaonana ta Hadadrimona amy ty lemaky i Medigo eo. ¹²Hisaona ty tany ty halakoa ty longo kiraikiraiky hafa. Ty halakoa ty longp ty tariha i Davida hitoka androzy le ty valindrozy hitakka amy ty lahilahiny. Ty halakoa ty longo amy ty tariha i Natana hitoka sady ty valindrozy hitoka amy ty lahilahy. ¹³Ty halakoa ty longo ty tariha i Levy hitoka le ty valin-drzy rey hitoka amy ty lahilahy rey. Ty halakoa ty longo i Simeita rey hitoka le ty valindrozy hitaoka amy lahilahy rey. ¹⁴Ty halakoa ty longo kiraikiraiky amy azy halakoa ty longo tafijano---ty fianakavia kiraikiraiky le samby hisarantsaraky le ty valindrozy rey hitoha amy lahilahy.

Chapter 13

¹Amy fotoa zay le hisy loharano hivoaha hoahy ty longo i Davida noho hoahy ty mpipetraky a Jerosalema ao, noho ty fahotan-drozy noho ty tsy fahadiva-drzy. ²Amy fotoa zay ro fanambara Yaveh tompoa ty lako---ro hanombotako ty anara ty sampy rey amy ty tanymba tsy ho tiarova sasy ndrozy. Hampiboaky ty mpaminany tsy tò rey noho ty fanahy maloton-drozy amy ty tany avao koa Zaho. ³Laha misy olo manohy maninany, le hivola amy ty babany noho ty reniny ze niteraky azy manao hozao: 'Tsy ho velo iha, safe mivola vandy amy ty anara Yaveh!' Bakeo ty babany noho ty reniny ze niteraky azy handrava azy lafa maninany ie. ⁴Amy andro zay ty mpaminany kiraikiraiky le ho menatsy amy ty fahitany lafa amy ty faminania ie. Azy mpaminany rey le tsy hisiky lamba voloa, mba hameriverea ty olo sasy. ⁵Fa ty kiraikiraiky hivola hozao: 'Tsy mpaminany zaho! Lahilahy miasa tany zaho, safe ty tany ro nanjary asako laha mbo pamaraky zaho!' ⁶Fa hisy olo raiky hivola aminy amano hozao: 'Ino fa ty fery anelanela ty sandrinao rey?' Le hamaly manao hozao ie: 'Naratsy niaraky tany azy tan-trano ty namako ao rey zaho.' ⁷'Ty Mesobe! Asondroto amy ty mpiaraky aondriko, azy lahilahy ze mitsanga anilako ty vatako etoa---zay ty vola Yaveh tompoa ty lako. Vango ty mparaky aondry, le hiparitaky aonry rey! Fa hampipoly ty tanako hanohitsy maliniky rey Zaho. ⁸Le heniky ty kila tany iaby---zay ty vola Yaveh---le hisy roa ampahatelon'izay ho rava! Ho rava olo rey; ty raiky ampaha telony avao ro hijano any. ⁹Handesiko amy ty afo azy ampaha telony io le ho sasako manahaky ty fanasa volafoty ndrozy; ho henteako manahaky ty volamena voahenty ndrozy. Hikaiky ty anarako ndrozy, le haaly androzy rey Zaho le hanao hozao: 'Toy ty oloko!' sady hivola hozao ndrozy: 'Yaveh ro Ndranahariko!''''

Chapter 14

¹Ingo, Ho avy ty fotoa Yaveh lafa ho zara anivonareo ty gadranareo. ²Fa havoriko hanohitsy an'i Jerosalema amy ty aly ty firenena iaby le ho gadra ty tanà. Azy tranorey le horava le ty ampela ho rava. Ty atsasaky ty tanà le horava, fa ty sisa tavela amy olo rey le tsy hala amy tanà eo. ³Fa Yaveh le hiboaky le hialy amy firenena rey manahaky ty Azy lafa mialy amy ty andro ty fialia. ⁴Amy fotoa zay ty tombony le hitsanaga anabo ty vohitsy Oliva, ze anila ty Jerosalema an-tinana any. Ty vohitsy Oliva le hizara roe le ho saraha ty tany malemy bevata le ty antsasaky ty vohitsy le himpoly aloha ty avaratsy le ty antsasaky aloha ty antimo. ⁵Bakeo iha hilay hijotso ty tany malemy anelenela ty vohitsy Yaveh rey eo, fa ty tany malemy anelanela ty vohitsy le hahazo a Azela any. Hilay manahaky ty nilaisanao tany ty horohoron-tany atmy ty andro i Ozia, mpanjaka tiahy Joda iha. Le niavy Yaveh NDrana hariko le hiaraky Aminy iaby ty olo masy iaby. ⁶Amy fotoa zay le tsy hisy fahazava, fa tsy hisy ndra nintsy ndra ando. ⁷Amy fotoa zay, Yaveh raiky avao ro mahay le tsy hisy andro haly sasy, fa ty nariva le hanjary fotoa ty fahazava. ⁸Amy fotoa zay ty rano velo le hikororoky hiboaky an'i Jerosalema. Ty antsasaky rey le hivary an-driaky antinana le ty antsasaky amy ty riaky andrefa, amy ty fahavaratsy noho amy ty nintsy. ⁹Ho mpanjaka amy ty kila tany iaby Yaveh. Amy fotoa zay le hisy Yaveh, azy NDrana hare toka, le ty anarany raiky avao. ¹⁰Ty tany iaby le manahaky ty Araba, manomboky a Geba le zisiky Rimona antimo ty Jerosalema sady hipetraky amy ty toerany manoka, baka amy ty vavahady tiahy Benjamina le zisiky amy ty toera ze nisy ty vavahady velohany, zisiky amy ty vavahady an-jorony, le zisiky amy ty tilikambo ty Hananela le zisiky amy ty fanamboara voaloboky ty mpanjaka. ¹¹Ty olo le hipetraky a Jerosalema any sady tsy hisy faharava mihintsy baka amy NDrana hare hanohitsy androzy sasy. Hiay tsy misy fisalasala i Jerosalema. ¹²Zao ro ho loza ze hamngoa ty Yaveh any olo iaby nialy nanohitsy an'i Jerosalema: Ty nofitsin-drozy le ho lo ndra mitsanga amy ty tombony aza ndrozy. ty masondrozy le ho lo amy ty lelatombondrozy le ty lelandrozy le ho lo am-bavandrozy rey ao. ¹³Amy fotoa zay ty fahavaka bevata baka amy Yaveh le ho avy amindrozy. Ty kiraikiraiky le hahazo ty tany ty hafa, le ty tana ty raikyu le hisondrotsy hamango ty tana ty raiky hafa. ¹⁴Joda avao koa le hoaly hanohitsy an'i Jerosalema. Hamory ty hery ty firenena iaby mihodidy androzy--- volamena, volafoty, sady siky lako soa. ¹⁵Ty loza avao koa le hoahy ty sovaly rey moho ty ampondra, azy rameva rey noho ty boriky, sady azy biby iaby amy ty toby rey ao avao koa le hijale amy loza zay avao koa. ¹⁶Le zao ty hiseho, ze kila raha iaby tavela amy firenena ao ze avy manohitsy an'i Jerosalema le hiakatsy isan-tao kosa mba hanompo ty mpanjaka, le Yave h tompoa ty lako, le hitandry tyfifalia ty fialofa. ¹⁷Laha tsy mandeha miakatsy ho a Jerosalema mba hanompo mpanjaka iny, le Yaveh tompoa ty lako, ty olo baka amy ty firenena iaby ty tany, le tsy handay ora amindrozy Yaveh. ¹⁸Laha tsy manganiky ty firenena Egipta, le tsy hahazo ora ndrozy. Hisy arety mandrava baka amy Yaveh ze handrava azy firenena ze tsy hanganiky mba hahita ty Fifalia ty Fialofa. ¹⁹zay ty fanasazia hoahy Egipta sady fanasazia hoahy ty firenena iany ze tsy manganiky mba hahita ty Fifalia ty Fialofa. ²⁰Fa amy fotoa zay, ty lakolosy ty soavaly rey le hivola hozao: "Atokano hoahy Yaveh," le azy kovety an-trano tiahy Yaveh ao le hanahaky ty finga golobo anatreha ty alitara. ²¹Fa ty valany tany manga iaby a Jerosalema noho a Joda ao le ho atoka hoahy Yaveh tompoa ty lako sady le ze manday iaby soro le hihina aminirey sady hampandevy anay rey ao. Amy fotoa zay azy mpamarotsy rey le tsy ho an-trano Yaveh tompoa ty lako sasy.

Malachi

Chapter 1<<<<<<< HEADLasa iha nandeha, tsy nivola ahyvasa ino loatsy gnantony, ambarao ahy fa teako hohay, ifonako raha tsy zakanao zay,antsano ato tsy misy raha milamy, tsy misy raha manjary, mikoronta ambony ambany, miavia malaky lahy mamy, zaho ato la tomany.=====

¹Ty fanambara ty safa Yaveh tany Israely tany alala ty tana i Malakia. ²"Fa nitea anareo Zaho," Hoasa Yaveh. Fe hozao tiasanareo: " Ino ty itevanao anay?" "Tsy rahalahin'i Jakoba va i Esao?" hoasa Yaveh. "Jakoba ro niteako, ³fa Esao nibokako. Ty vohisiny le fa nampanjariako haolo fa nanoviko teora hoahy ty alika ly baka anefitsy ty lovany any.>>>>>>> refs/heads/new⁴Laha mivola hozao i Edoma: "Naravoky zahay, kanefa hampipoly hanamboatsy ty rava zahay," le hivola hozao Yaveh tompoa ty lako: " Mety hanamboatsy ndrozy, fe ho ravako ndraiky. Azy ilany hafa rey le hikaiky azy manao hozao: ' Tana ty fahratia' noho hozao: 'azy olo nohazonon'Yaveh mandrakizay.'⁵Hahita zay ty masonareo, sady hivola hozao nareo: 'Yaveh le bevata mandilatsy ty faritsy ty tana iIsraely.'"⁶"Manahaky ty anakilahy manome voninahitsy ty babany, noho ty mpiasa manome voninahitsy ty tompoiny. Laha baba Zaho, aia ty voninahitsiko? Laha tompo Zaho aia ty fan ehoa ty fanaja Ahy?" hoasa Yaveh Tompoa ty lako tany azy mpisoro rey, azy tsy nampisy dikany ty anarako. "Fe hozao tiasanareo: ' Amy fomba

manao akory ty tsy nampisianay dikany ty anaranao?' ⁷Tamy fanesea mofo voaloto tamy ty alitarako. Fe hoasanareo hoe: ' Ino ty handotoanay anay?' Tamy ty flaza fa tsy misy dikany ty latabon'Yaveh.⁸Lafa menesy biby jiky hatao soro nareo, tsy raty va zay? Lafa manesy ty misy handra noho marary nareo, tsy raty va zay? " Ampanenteo amy governoranareo zay! Handramby anareo va ie ndra hampiandra ty tarehinareo? " hoasa Yaeh Tompo ty lako. ⁹Henany zao nareo le mbo manontanny ty tarehin-Dranahare, mba ho ferinesany tsika. Fa Yaveh Tompo ty lako ro nivola fa amy ty fanday manahaky ty an-tananareo eny, hampiandra ty tarehinareo va Ie? ¹⁰"Laha mba nisy raiky taminareo vasa nanily ty vavahady ty fiangona, mba tsy ho raha fahatany ty hampirehetanareo afo amy ty alitarako eo! Tsy mankasitraka anareo Zaho," hoasa Yaveh Tompoa ty lako: " sady tsy handramby fanday baka an-tananareo Zaho. ¹¹Fa ty anarako le ho bevata aminareo eo amy azy firenena rey sady saky ty toera iaby baka amy ty fiboaha ty masoandro zisiky hilentehany sady ditin-kazo manitsy noho fanday malio ro hasesy amy ty anarako. Fa ty anarako le bevata amy ty firenena rey eo. hoasa Yaveh Tompoa ty lako. ¹²Fa tsy midary anizay nareo lafa mivola fa maloto ty latabo ty Tompo, sady azy vokatsiny noho ty haniny rey, le tsy hampisia dikany.¹³Hozao koa tiasanareo: 'Mampadaginy koa ie zao, ' le nilaginy tamizay nareo," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. "Nanday ze nala tamy ty biby ly nareo ndra misy handra ndra marary; sady nandesinareo ho fandainareo zay. Tokony handramby anizay baka an--tananao va Zaho?" hoasa Yaveh. ¹⁴"Engaho hozony ty mpamerivery ze mana aondry lahy amy ty aondryny ao sady mivoady hanome Ahy anizay, sady mbo manome soro mbo misy handra Ahy, Tompo! Fa Zaho le mpanjaka bevata, " hoasa Yaveh Tompoa ty lako," Le hamea voninahitsy amy ty firenea rey ty Anarako."

Chapter 2

¹Le nareo azy mpisoro rey, hoahinareo lala toy. " ²Lafa tsy hijanjy nareo, sady tsy hanenga anizay anainareo ao mba hanomezana voninahitsy ty anarako nareo," hoasa Yaveh tompoa ty lako, le handefa ozo aminareo Zaho. Eka vatany, fa nanozo androzy rey Zaho, safe tsy nanovinareo tanainareo ao ty lalako. ³Ingo hivola mare ty tarihanareo Zaho, sady hanaparitaky zeziky amy ty vatanareo Zaho, zeziky baka amy ty firavoravonareo, sady hangalaky anareo hiaraky amizay Ie. ⁴Le ho hainareo fa nandefa ty lily io taminareo Zaho, le ty fifanarahako le bo hitohy amy azy Levi rey," hosa Yaveh Tompo ty lako. ⁵Le ty fifanarahako taminy le fiaina noho fiadana say nameako androzy rey ie; nameako tahotsy ie, le navaka Ahy ie, sady nitsanga tamy ty havaka ty anarako ie. ⁶Fampianara to tanay ty vavany tao, sady tsy nisy diso tamy ty soniny. Niraky tamy ty fiadana noho tamy ty fahamarina tamiko ie sady tsy nanennga ty fomba lako tamy ty fahota. ⁷Ty sony mpisoro le tokony hanampahalala sady ty olo le tokony hila fampianara baka ambavany, safe mpanday hafatsy an'Yaveh Tompoa ty lako ie. ⁸Fa nareo le niala tamy lala to. Nahavy ty lako ho meloky amy ty fanaja ty lala nareo. Nandika ty fanenkeampilongoa ahy Levy nareo," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. Lafa zay. ⁹"Lafa zay Zaho avao koa, fa tsy nampisy dikany nareo noho raty taloha y olo iaby, safe tsy nidary ty liliko nareo, fe nampiseho fanavakavaha tamy ty fampianara." ¹⁰Tsy baba raiky avao va tsika iaby? Tsy Ndranahare raiky avao va ty namboatsy antsika? Nanino tsika olo kiraikiraiky ro kely finoa amy ty rahalahiny, tsy nampisy dikany ty fanenkea ty razantsika rey? ¹¹Joda le kely finoa. Raha mampangaroharo no nisy ta Isrealy noho ta jerosalema tao. Fa tsy nampisy dikany ty fitoera masy Yaveh ze teany i Joda, le nanam-baly ty anakam-pela ty ndranahare hafa. ¹²Engaho Yaveh hangalaky ty lain'i Jakoba azy lahilahy ze nanao anizay, azy nifoha noho azy namaly, ndra nanday fanday hoahin'i Yaveh tompoa ty lako aza ie. ¹³Anovonareo avao koa zao: Lombofanareo amy ty ranomaso ty alitaran'Yaveh, amy ty fitomania noo ty fisentoa, safe ie tsy mbo nitolikyamy azy fanday ndra mandramby anizay amy ty fankasitraha baka antananareo. ¹⁴Fa hozao tiasanareo: "Nanino Ie tsy manao anizay?" safe Yaveh le vavolombelo taminareo teo noho ty valy tamy ty fahatanoranareo, tamy ty naha kely finoa anareo noho ty valinareo tamy alala ty fifanenkea aza ie. ¹⁵Tsy naharony ho raiky va ndrozy, miaraky amy ty ila ty fanahiny? Ka mamino nareo no nanoviny ho raiky? safe ie le nila tariha baka amy Ndranahare. Le embeno amy ty fanahinareo ao ty vatanareo, sady ka matoky ty valy ty fahatanoranareo. ¹⁶"Fa malay ty fisaraha Zaho," hoasa Yaveh, Ndranaharen'Israely, "sady azy manaro ty sikiny amy ty hadala," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. " Le embeno amy ty fanahinareo ao ty vatanareo sady ka kely finoa." ¹⁷Namozaky an'Yaveh tamy ty safanareo nareo. Fa hozao tiasanareo: " Amy fomba manao akory ty namozahanay Azy?" Tamy ty fivolana hozao: " Ze manao raty iaby le soa imason'Yaveh eo, sady manakasitraky androzy rey Ie," na hozao: " Aia ty Ndranahare ty fahamarina?"

Chapter 3

¹Ingo, fa marikitsy handefa ty irako Zaho, le hanoma ty lala alohako eo ie. Le ho avy tsy ampoizy amy ty fiangonana ao ty Tompo ze ilanareo. Azy iraky ty fifanenkea ze nankasitrahanareo., Ingo, ho avy ie," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. ²Fa ia moa ty hahavita hiaritsy ty andro hiaviany? Ia ty hahavita hitsanga lafa hiboaky Ie? Fa Ie le manahaky ty afo mampitranaky noho savony fanasa siky. ³Hipetraky manahaky ty mpampitranaky noho mpanasa volafoty Ie, sady hanasa ty anakilahin'i Levy.Hanpitranaky androzy manahaky ty volamena noho ty volafoty Ie, sady handay ty fanatitsy ty fahamarina hoahin'Yaveh ndrozy.⁴Sady ty fanday i Joda noho Jerosalema le ho ankasitrahan'Yaveh manahaky ty andro taloha, noho manakahaky ty tao taloha. ⁵Le ho avy Zaho hitsara anareo. Tselatsela le hanjary vavolombelo Zaho hanonitsy azy mpisikily rey, mpandranto, vavolombelo sandoky, sady hanohitsy ze mampijaly ty mpiasa amy ty karamany, azy mampijaly ty tsy manampaly noho ty kamboty, hanohitsy ze nanda ty vahiny , sady hanohtsy ze azy tsy manome voninahitsy Ahy," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. ⁶"Fa Zaho Yaveh, le mbo tsy niova; lafa zay nareo, anakilahin'i Jakoba rey, le tsy ho hata ela. ⁷Baka amy ty andro ty razanareo le nanda ty liliko nareo sady tsy nidary anizay. Mimpolia amiko, le himpoly aminareo Zaho," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. " Fa hozao koa tiasanareo: ' Amy fomba manao akory ty himpoliananay?'⁸Misy olo handrava an-Dranahay va? Fe mandrava Ahy nareo: ' Tamy fomba manao akory ty nandravanay anao? Tamy ty ampahafolo ty hanagna noho ty fanday. ⁹Nareo le voahozo, safe nandrava Ahy, ty firenena iaby toy.¹⁰Andeso amy ty trano famoria ty ampahafolo ty hanagna feno, mba hisy hany amy ty tranoko ao, le tsapao fanahy amizay Zaho," hoasa Yaveh Tompa ty lako," laha tsy mamoha ty varavara ty lanitsy aminareo Zaho sady mandrotsaky fahasoava aminareo eo Zaho, zisiky tsy hisia ty efitsy hoahinizay iaby rezay sasy. ¹¹Hivola hanohitsy ze manimba ty tahirinareo Zaho, mba tsy hanimbandrozy ty vokatsy ty taninareo. Azy voalobokinareo ambaibobo le ho hamokatsy," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. ¹²"Ty firenana iaby le hikaiky nareo manao hozao sambatsy, safe ho tany mahafinaritsy nareo," hoasa Yaveh tompoa ty lako. ¹³Nahery tamiko ty safanareo," hoasa Yaveh. "Fe hozao tiasanareo: Ino ty nifampivolalanay hanohera Anao?' ¹⁴Hozao tiasanareo: ;Tsy ila ty manompo an-Dranahare. Ino va ty tombotsoantsika laha midary ty fangatahany rey tsika ndra nandeha tamy ty fisaonana tanatrehan'Yaveh Tompoa ty lako? ¹⁵I henanizao tsika mikaiky ty mpirengirengy hoe: sambatsy. Tsy nahavao mihintsy azy mpanao raty, fa manohatsy an-Dranahare sady le vatany milay."¹⁶Bakeo le nifampiresaky azy navaka an'Yaveh rey. Nandiniky soa Yaveh sady nijanjy, sady nosorata talohany teo ty boky fahatiarova mikasiky ze mavaka an'Yaveh noho ty nanome voninahisy ty anarany.¹⁷Ho Tiahy nrozy rey" hoasa Yaveh Tompoa ty lako, "hanagnako sarobidy, amy ty andro ze hiasako. Hiferinay androzy rey Zaho, manahaky ty olo raiky miferinay ty anakilahiny ze nanompo azy. ¹⁸Le hanavaky ty olo to noho raty fanahy ndraiky nareo, amy ze manmpo an-Dranahary eo noho ze tsy manompo Azy.

Chapter 4

¹Fa ingo, ho avy ty andro, manoro manahaky ty fatana, fa lafa akata azy mpirengirengy noho ty mpanao raty iaby. Ho avy ty andro handoro androzy, " hoasa Yaveh Tompoa ty lako," le hanenga anizay tsy hisy fanaky noho ty tahony zay. ²Fa hoahinareo ze mavaka ty anarako, ty mahasoandro ty fahamarina le biposaky miharo amy ty fanasitrana amy ty elany rey. Hiboaky nareo, sady hitsamboko manahaky ty anaka aomby baka amy ty fihinana akata. ³Amy andro zay le hanitsakitsaky ty raty nareo, safe ho lavenoky amy ty faladian-tomboky nareo ndrozy amy ty andro ze hiasako," hoasa Yaveh Tompoa ty lako. ⁴Tiarovo ty fampianara ty Mosesy mpanompoko ze nameako azy ta Horeba tany hoahin'Israely iaby, azy lily noho ty fitsipiky. ⁵Ingo, haniraky an'iElia mpaminany Zaho aloha ty hiavia ty andro bevata noho ty hampiatahoran'Yaveh. ⁶Hampipoly ty fo ty baba amy ty anaky Ie, sady ty fo ty anaky hoamy ty babany, mba tsy hiaviako handravako ty tany amy ty faharava iaby."

Matthew

Chapter 1

¹Ty Boky ty raza i Jesosy Kristy ana i Davida ana i Abrahama. ²Abrahama ro baba Isaka, sady Isaka ro baba i Jakoba, sady Jakoba ro baba i Joda noho rahalahiny rey. ³Joda ro baba i Fareza noho Zara baka amy ty Tamara, Fareza ro baba i Herzona, sady Herzona ro babai Rama. ⁴Rama ro baba i Aminadaba, sady Aminadaba ro baba i Nasona, sady Nasona ro baba i Salmona. Salmona ro baba i Boaza tamy ty ⁵Rahaba, Boaza ro baba i Obeda tamy ty Rota, Obeda ro baba i Jese. ⁶Sady Jese ro baba i Davida mpanjaka, Davida ro baba i Solomona tamy ty alala ty valy ty Oria. ⁷Solomona ro baba i Rehoboama, Rehoboama ro baba i Abia, sady Abia ro baba i Asa. ⁸Asa ro baba i Jaosafata, sady Jaosafata ro baba i Jorama, sady Jorama ro raza i Ozia. ⁹Ozia ro baba i Jotama, Jotama ro baba i Ahaza, Ahaza ro baba i Hezekia. ¹⁰Hezekia ro baba i Manase, Manase ro baba i Amona, sady Amona ro baba i Josia. ¹¹Josia ro raza i Jekonia noho rahalahiny rey tamy ty fotoa ty fandroaha ho a-Babylona any. ¹²Tafara ty fandroaha ho a-Babylona any, le Jekonia ro baba i Sealtiel, sady Sealtiel ro raza i Zerobabela. ¹³Zerobabela ro baba i Abihoda, Abihoda ro baba i Eliakima, sady Eliakima ro baba i Azora. ¹⁴Azora ro baba i Zadoka, Zadoka ro baba i Akima, sady Akima ro baba i Elihoda. ¹⁵Elihoda ro baba i Eliazara, Eliazara ro baba i Matana, sady Matana ro baba i Jakoba. ¹⁶Jakoba ro baba i Josefa ze valy i Maria, azy niteraky an'i Jesosy iny, ze nikaihy hoe Kristy. ¹⁷Ty tariha iaby manomboky amy i Abrahama ka le zisiky amy i Davida ro tariha folo efatsy amby, manomboky amy i Davida ka le zisiky amy ty fandroaha ho a-Babylona any le tariha folo efatsy amby, sady manomboky amy ty fandroaha ho a-Babylona any ka le zisiky amy i Kristy ro tariha folo efatsy amby. ¹⁸Manahaky zao ro nitsangana ty faharetaraha i Jesosy Kristy. Ty reniny, Maria, le fa natoka hanambaly an'i Jesofa, fe taloha ty niarahan-drozy, le hita fa nibevoaka ie baka amy ty Fanahy Masy. ¹⁹Josefa, valiny, ro lahilahy marina, ro sady tsy ta-hangala-baraka azy amy olo lako. Ka le nanapa-kevitsy ie lafa marainy milamy iny ty fifanenkeany taminy. ²⁰Sady laha ie mbo nieritseritsy mikasiky raha rey iny, le niboaky taminy nofy ty anjely ty Tompo iny, manao hozao: "Josefa, anakilahy i Davida, ka matahotsy ty hangalaky an'i Maria ho valinao, safe azy raiky ze nitorotoro anainy ao iny le Fanahy Masy ro nampipetsaky azy. ²¹Hiteraky aja lahilahy iem sady iha hikaiky ty anarany hoe Jesosy, fa ie ro hamonjy ty olony hiala amy ty fahotan-drozy." ²²Iaby zay eo nitsanga mba hahantanteraky ze nambara ty Tompo tamy ty alala azy to-resaky iny, manao hozao: ²³"Ingo, ty aja ampela mbo mahasaky lahy hobevoaka ka le hiteraky aja lahilahy, sady ndrozy hikaiky ty anarany hoe Imanoela" _ze midika hozao: "Amintsika Njanahary. ²⁴Nifoha tamy ty rorony Josefa sady nanao manahaky ze nibekoa ty anjely ty Tompo azy sady nangalakyazy ho valiny. ²⁵Fe tsy niharo taminy ie zisiky-iterahany. Sady nikaihiny hoe Jesosy ty anarany.

Chapter 2

¹Tafara ty niteraha i Jesosy ta Betlehema i Jodia ao tamy ty andro i Heroda mpanjaka, le avy ta Jerosalema ao lahilahy manam-pahefa rey baka antinana any nivola hozo: ²"Aia Ie ze niteraky ho Mpanjaka ty Jiosy? Nahita ty basia baka antinana eny zahay sady niavy mba hanompo azy." ³Lafa nahare zay i Heroda mpanjaka, le nangorohoro ie, noho i Jerosalema iaby niarakany taminy. ⁴Nandesy i Heroda niarakany ty loha ty mpisoro iaby noho ty mpanora-dalà ty olo, sady nanontany androzy hozo: "Aia ro hiteraha i Kristy?" ⁵Nivola taminy ndrozy hozo: "Betlehemai Jodia ao, fa zao ro vosoratsy ty olo to-resaky hozo: ⁶Fa iha, Betlehema, amy ty tany ty Joda any, le tsy kelikely bibiky amy mpanday i Joda rey, fa baka aminao ro hiavia ty mpanapaky ze handiny ty oloko Israely. ⁷Sady nikaiky milamy lahilahy manam-pahefa i Heroda rey mba hanontany androzy mazava soa ty fotoa niboaha basia iny. ⁸Nalefany ta Betlehema any ndrozy, manao hozo: "Mandeha sady fotory soa ty amy azy aja iny. Lafa hitanareo ie, le anambarao zaho, mba afahako mana any avao koa ka le hanompo azy." ⁹Tafara ty naharezandrozy ty mpanjaka, le nandeha tamy ty lalany androzy, sady ty basia ze hitan-drozy tantinana eny ro nialoha androzy zisiky-ijanona tanabo ty toera nisy azy aja iny eo. ¹⁰Lafa nahita ty basia ndrozy, le nifaly tan-kafalea-bey. ¹¹Nilitsy tamy tsano iny ao ndrozy sady nahita ty aja niarakany tany i Maria reniny. Nandohaliky noho nanompo azy ndrozy. Namoha ty fipetszhan-kanana ndrozy sady nanome fanomezana volamena, lintan-kazo manitsy, sady miora ho azy. ¹²Nampiemby androzy tamy ty nofy Njanahary mba tsy himpoly amy i Heroda any, ka le lala hafa ro nandehan-drozy namonjy ty firenany iaby. ¹³Lafa nandeha ndrozy, le nisy anjely ty Tompo niboaky tany i Josefa tany ty alala ty nofotsy sady nivola hozo: "Miarena, andeso ty aja noho ty reniny, sady milaisa Egipta any. Mipetsaha any zisiky-anambarako aminao, fa i Heroda ro mila azy aja iny mba hamonoa azy." ¹⁴Lafa haly iny Josefa le nifoha sady nanday aja noho ty reniny ka le nana Egipta any. Nipetsaky tany ie zisiky-mahafaty i Heroda. ¹⁵Zay ro nanantanteraky ze nambara ty Tompo tany ty alala ty olo to-resaky hozo: "Nikaihiko hiala Egipta any ty anako." ¹⁶Bakeo Heroda, lafa nahita fa voafitaky lahilahy manam-pahefa rey, le neloky mare. Naniraky noho nampamono ty aja lahilahy iaby roe tao ro mijotso ze ta Betlehema ao noho tamy ty faritsy iaby iny ao ie, miarakany ty fotoa ze niboahany mazava tany lahilahy manam-pahaiza rey. ¹⁷Bakeo le fanteraky ty safa ze nivolanany tany ty alala i Jeremia to-resaky hozo: ¹⁸"Nisy feo re ta Rama ao, fitania noho fisaona-bevata, mitany noho tyzmy ty anany i Rahely, sady tsy nanenky ty ho ampilaminany ie, safe fa lasa ndrozy. ¹⁹Lafa maty i Heroda, ingo, nisy anjely ty Tompo niboaky tany i Josefa ta Egipta any tany ty nofy sady nivola hozo: ²⁰Mifohaza sady andeso ty aja noho ty reniny ka le mandeha amy ty tany Israely any, fa maty ze nifoho ty azy ty aja rey." ²¹Nifoha Josefa, nandesiny ty aja noho ty reniny, sady nandeha tany ty tany Israely any. ²²Fa lafa reny fa i Arkelaosy ro nanjaka ta Joda any nanolo an'i Heroda babany, le natahotsy ty ho any ie. Tafara ty nampiembenan-Janahary azy tany ty nofy, le niala nana amy ty faritsy i Galilia any ie ²³ka le nandeha sady nipetsaky tany ty tana kaihy hoe Nazarete ao. Zay ro nahatanteraky ze voavola tany ty alala olo to-resaky rey hozo: "Nazarena ro hikaiha azy."

Chapter 3

¹Tamy andro zay ronandeha nanambara tan'efitsy i Jodia any i Jaona mpanao Batisa manao hozo: ²"Mibebaha, fa mariny ty fanjaka ty lanitsy."³ Fa ie ro azy nivolan'Isaia to-resaky iny, manao hozo: "Misy feo raiky mikaiky mare an'efitsy any hozo: 'Amboaro ty lalany Tompo, ahitio ty lalany.'"⁴Sady Jaona nisalotsy volon-drameva noho nanao santira remby ro nanoviny fihinana. ⁵Sady Jerosalema, Jodia iaby, noho ty faritsy iaby miodidy ty renirano i Jordana ro namonjy azy. ⁶Nanoviny batisa tamy ty renirano i Jordana eny ndrozy, lafa nieky ty fahotany.⁷Fa laha nahita Fariseo noho Sadoseo lako namonjy azy rey mba hanovy batisa ie, le hoy ie tamin-drozy hozo: "-Tariha nenara atsiky poizy, ia ro nampiemby anareo hiala ty heloky ze ho avy?"⁸Manofasa voa mitovy ty fibebaha. ⁹Sady ka misaina ty hovola am-po hozo: 'Mana an'i Abrahama ho babany zahay.' Fa volaniko aminareo fa Njanahary ro mahavita mampitsanga anaky ho an'i Abrahama ndra ro baka amy vato reto aza.¹⁰Sady fa nipetsaky am-pototsy ty hazo eo ty famaky. Ka hazo iaby ze tsy mamoa voa soa rey ro ho tapahy sady hatoraky anay afo any. ¹¹Manao batisa nareo amy ty rano ho amy ty fibebaha zaho. Fa mahery noho zaho ie ze avy afarako, sady zaho ro tsy maeva vatany ndra le ty handay ty kapany aza. Hanao noho ty afo Ie. ¹²Fa an-tanany eny ty fikororohanany mba hanalioba ty fampirima sady hamory ty variny an-tsimpitsa any. Fa ie handoro akotsy amy ty afo ze tsy mety maty."¹³Bakeo Jesosy baka Galilia any ka le tamy ty renirano i Jordana eo mba ho anovy i Jaona batisa. ¹⁴Nefa i Jaona ro niezaky nanaka azy, manao hozo: "Zaho ro mila anovinao batisa, nefa iha ndraiky va ro mamonjy ahy?"¹⁵Jesosy namaly sady nivola taminy hozo: "Enkeo zay amy zao, fa zao ro mety amintsika hahantanteraky ty fahamarina iaby." Bakeo Jaona nanenky azy.¹⁶Lafa vita batisa Ie, le niboaky ty direkita Jesosy, sady ingo, nivoha taminy ty lanitsy. Hitany ty Fanahin-Janahary nijotso mahahaky ty pizon sady nana anabony eo. ¹⁷Sady ingo, nisy feo baka an-danitsy any nanao hozo: "Toy ro Anako malalako. Zay enkeko bibiky."

Chapter 4

¹Bakeo Jesosy nitarihy ty Fanahy ho an'efitsy any mba hala ty devoly fanahy. ²Lafa baka nifaly hany efapolo andro nohoefapolo haly ie, le mosary. ³Namonjy ty mpangalaky fanahy ka le nivola taminy hozo: "Lafa Anan-Janahary Iha, le volano hanjary mofo vato reto." ⁴Fa Jesosy namalyka le nanao taminyhozo: "Voasoratsy hozo: "Tsy ty mofo avao ro hiveloma ty olo fa ze safa iaby aboaky ty vavan-Janahary." ⁵Bakeo ty devoly nanday azy tany ty tanà masy any ka le nampipetsaky azy tany ty faranambony ty egilazy eo, ⁶sady nivola taminy hozo: "Lafa Anan-Janahary iha, le milavao ambany any, fa voasoratsy hozo: 'Ie hibeko anjelin'ny rey hiahy anao' noho 'hanondrotsy Anao amy ty tanan-drozy eo, ka le tsy ho heloky amy ty vato ty tombonao.'" ⁷Jesosy nivola taminy hozo: "Le mbo voasoratsy ndraiky hozo: 'Tsy tokony hitsapa ty Tompo Njanaharinao Iha.'" ⁸Nandesy ty devoly hana amy ty toera abo any ndraiky Ie sady nampiboaky azy ty fanjaka iaby amy ty tany iaby noho ty hasoa rey. ⁹Hoy ie taminy hozo: "Iaby rey ro hameako anao, lafa hohatsy ka le mandohaliky anilakobeo noho manompo ahy iha." ¹⁰Bakeo Jesosy nivola taminy hozo: "Miala eto iha, Satana, Fa voasoratsy hozo: 'Iha ro hanompo ty Tompo Njanaharinao, sady ie raiky avao ro ho tomponao.'" ¹¹Bakeo niala Azy ty devoly, sady ndreto, nisy anjely niavy ka le nanompo Azy. ¹²Sady lafa re i Jesosy fa voasambotsy Jaona, le nimpoly nana Galilia any ie. ¹³Niala an'i Nazareta ie ka le nandeha sady nipetsaky ta Kapernaomy ao, ze amisisin-driaky ty Galilia eo, amy ty zara-tany i Zebolona noho Naftaly ao. ¹⁴Zay ro nitsanga mba hahantanteraky ze nambara Isaia to-resaky hozo: ¹⁵"Ty tany i Zebolona noho ty tany i Naftaly, mana amy ty riaky any, amy sisiny i Jordana any, Galilia an'i Jentilisa!" ¹⁶Olo rey ro nipetsaky tany ty maiky ro nahita fahazava bevata, sady ze nipetsaky tany ty faritsy rey noho ty aloky ty fahafatesa, le tamin-drozy eo ro niboaha ty fahazava." ¹⁷Sady tany fotoa zay Jesosy le nanomboky nanambara safa noho nivola hozo: "Mibebaha, fa mariny ty fanjaka ty lanitsy." ¹⁸Laha nandeha tany sisiny ty Riaky i Galilia eny Ie, le nahita mpirahalaha roe, Simona ze nikaihy hoe Petera, sady Andrea rahalahiny, nanoraky ty haratony tany ty riaky eny, fa mpihaza ndrozy. ¹⁹Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Andao, hanoriky Ahy, fa hanoviko mpihaza olo iha." ²⁰Teo noho eo avao le niala harato rey ndrozy ka le nanoriky Azy. Sady laha mbo nilitsy Jesosy le nahita mpirahalaha ahy roe hafa, Jakoba ana i Zebedio, noho Jaona rahalahiny. Namboatsy ty haratony tan-tsambo ndrozy ao niaraky tany i Zebedio baban-drozy. Nikaiky androzy Ie, ²¹ka le teo noho eo avao le niala ty lakany noho ty babany ndrozy ka le nanoriky Azy. ²²Nandeha era i Galilia Jesosy, nampianatsy tany ty synagogan-drozy ao, nanambara ty filazantsoa ty fanjaka, sady nanafaky karaza arety iaby mbamy ty rofy iany iaby tany ty olo eo. ²³Niparitaky era i Syria ty vaovao mikasiky Azy, ka le nandesy ty olo Taminy eo ze marary iaby, marary ty karaza arety noho fangirifirina, demoniaka rey, noho ze marary ty androbey noho marary ty paralysisa. Nafaha i Jesosy rozy reny. ²⁴Olo lako mare baka Galilia any, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia sady ty baka amy sisiny i Jordana any ro nanoriky Azy.

Chapter 5

¹Lafa nahita olo lako Jesosy, le niakatsy tam-bohitsy eo. Lafa tafapetsaky Ie, le namonjy Androzy mpianatsiny.

²Namoha ty vavany Ie sady nampianatsy androzy, manao hozo: ³"Sambatsy ty mijaly am-panahy, fa androzy ty fanjaka ty lanitsy. ⁴Sambatsy misaona rey, fa hampionona androzy. ⁵Sambatsy malemy fanahy rey, fa ndrozy ro handova ty tany. ⁶Sambatsy ze mosary noho te hino rano ty fahamarina rey, fa ho vintsina ndrozy. ⁷Sambatsy mpamalo fo rey, fa hahazo famalozam-po ndrozy. ⁸Sambatsy malio am-po rey, fa hahita an-Janahary drozy.

⁹Sambatsy mampilongo rey, fa ndrozy ro kaihy hoe anan-Janahary. ¹⁰Sambatsy ze enjehy noho ty fahamarina rey, fa androzy ty fanjaka ty lanitsy. ¹¹Sambatsy nareo laha mandratiraty anareo noho manenjiky anareo ty olo, sady mivola ty karaza vandy raty iaby hanohitsy anareo noho ty amiko. ¹²Mifalea noho miravoa, fa bevata ty valisoanareo an-danitsy any. Fa manahaky zay ty fomba nanenjeha ty olo to-resaky rey ze niay talohanareo.

¹³Nateo ro sira ty tany. Fa laha ty sira ro lasa matsatso, amy ty fomba ino ro ampisira zay ndraiky? Tsy ho soa ndra amy ino andra amy ino sasy zay fa haria noho hitsahy ty tomboky ty olo sisa. ¹⁴Nareo ro fahazava ty tany iaby toy. Ty tana miory amy ty vohitsy eo ro tsy azo avony sasy. ¹⁵Tsy misy olo mandrehitsy jiro ka le mampipetsaky zay ambany sobiky eo, fa amy ty fipetsahan-jiro eo ka le manazava ty iaby an-tsano ao zay. ¹⁶Engao hazava aloha ty olo eo manahaky fomba zay ty fahazavanareo mba ahitan-drozy ty asa soa anovinareo sady nkalazany ty Babanareo ze an-danitsy any. ¹⁷Ka mieritseritsy hoe avy handrava tg lala ndra olo to-resaky rey Zaho. Tsy avy hanimba rey Zaho, fa hanantanteraky androzy. ¹⁸Fa volaniko aminareo marina fa zisiky-paharwva ty lanitsy noho ty tany, ke tsy ho rava amy ty lala ndra lelitera raiky noho anabo-soratsy raiky aza, zisiky-pahantanteraky ty raha iaby. ¹⁹Laha zay ndra ia ndra ia mandika ndra le ty kelikely bibiky amy lily rey noho mampianatsy ty hafa anao manahaky zay ro hikaiha hoe kelikely bibiky amy ty fanjaka ty lanitsy ao. Fa ndra ia ndra ia manenky noho mampianatsy rey ro ho kaihy hoe bevata amy ty fanjaka ty lanitsy ao. ²⁰Fa volaniko aminareo fa laha tsy mandilatsy noho ty ahy ty mpanora-dalà noho ty fariseho ty fahamarinanareo, le tey hilitry amy ty fanjaka ty lanitsy ao mihintsy nareo. ²¹Fa renareo fa voavola tamin-drozy fa ela hozo: 'Ka mamono olo,' sady 'Ndra ia ndra ia mamono olo le ho sazie amy ty fitsara any.' ²²Fa volaniko zminareo fa ze iaby meloky amy ty rahalahiny le maeva ty ho sazie amy ty fitsara any; sady ndra ia ndra ia mivola ty rahalahiny hozo: 'Iha ro olo avao!' le ho sazie amy ty filan-kevitsy any; sady ndra ia ndra ia mivola hozo: 'Adala iha!' le maeva ty ho amy ty farihy mirehitsy afo any. ²³ha zay laha manome ty fanomezanao amy ty alitara eo iha ka le tiaronao teo fa mana alahelo aminao ty rahalahinao, ²⁴le engao aloha ty alitara eo ty fanomezanao, ka le mandehana tohizo ty lalanao. Milongo aloha amy ty rahalahinao, sady bakeo mimpolia le ameo ty fanomezanao. ²⁵Milongo malaky amy ty mpanasazy anao laha mbo miara-lia aminy amy ty fitsara any iha, fa sandraky ty mpanasazy anao hanome anao amy ty mpitsara, sady ty mpitsara mety hanome anao amy ty manam-boninahitsy, ka le hanovy an-tsano maiky ao iha.

²⁶Volaniko aminareo marina, fa tsy ho afaky miboaky mihintsy ao iha zisiky-pandoavanao ty jala fara ty kelikely bibiky amy ty tsosanao. ²⁷Fa renareo fa voavola hozo: 'Ka maheriloha.' ²⁸Nefa volaniko aminareo fa ze iaby manenty ampela ka le maniry azy lefa aheriloha tam-pony ao sahadry. ²⁹Laha mampeloky anao ty masonao ankavana, le alao zay sady atoraho lavitsy anao. Fa soa vatany ho ahy nao laha ty antsasany raiky amy ty vatanao ro tokony ho simbà fa tsy ty vatanao iaby ro atoraky amy tg helo any. ³⁰Lafa mampeloky anao ty vatanao ankavana, le tapaho sady atoraho lavitsy hiala aminao. Fa soa vatany ho ahy nao laha ty antsasakiny raiky amy ty vatana ro tokony ho tsobo fa tsy ty vatanao iaby ro atoraky amy ty helo any. ³¹Sady fa voavola avao koa hozo: 'Ndra ia ndra ia misaraky amy ty valiny, le engzo ie hanome azy ty taratasyfisaraham-panambalia.' ³²Fa Zaho koa mivola aminareo fa ze iaby misaraky amy tyvaliny, hafa-tsy noho ty heriloha, le mampaheriloha azy. Ndra ia ndra ia manambaly azy afara ty fisarahany ro maheriloha. ³³Sady koa, tenareo da voavola tany ty taloha hozo: 'Ka mifanta fifanta diso, fa andeso anila ty Tompo eo ty fifantanao.' ³⁴Fa Zaho koa mivola aminareo ka mifanta amy ty raha iaby, ndra amy ty lanitsy aza, fa seza fipetsahan-Janahary zay; ³⁵ndra amy ty tany, fa fipetsaha-tombokiny zay; ndra koa amy ty Jerosalema, fa tanà ty mpanjaka bevata zay. ³⁶Ka mifanta amy ty lohano, fa tsy afaky manafotsy ndra manamainty ty singam-bolo raiky iha. ³⁷Fa engao ty vatanao ho, 'Eka, eka,' ndra 'Aha, aha.' Ze mandilatsy zay le baka amy ty raty iny. ³⁸Renareo fa voavola hozo: 'Maso solo ty maso, sady hý solo ty hý.' ³⁹Fa Zaho koa mivola aminareo hoe, ka manohitsy ze raty. Fa koa, ndra ia ndra ia mamango ty fifinao ankavana le ameo azy koa ty ilany. ⁴⁰Sady laha misy olo maniry ty hiaraky aminao ho amy ty fitsara any ka le manendaky ty salonao, le engao ho azy avao koa ty sikinao. ⁴¹Ndra ia ndra ia manao forise anao handeha kilometatsy raiky, mandehana miaraky aminy amy ty kilometatsy roe. ⁴²Ameo ze mangataky aminao, sady ka mandà ndra ia ndra ia maniry ty hindra aminao. ⁴³Fa renareo fa voavolako hozo: 'Tsy maintsy mitea ty mpiara-belo aminao iha sady malay ty fahavalonao.' ⁴⁴Fa volaniko aminareo, tiavo ty fahavalonareo sady mivavaha ho ahy ze manenjiky anareo, [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha soa bibiky le mangalaky ty hozo: ""Misaora ze manozo anareo rey,

mananova ty soa amy ze malay anareobrey.""⁴⁵] mba ho avy anaky ty Babanao ze an-danitsy any nareo. Fa le ro mampiposaky ty masoandrony amy ty raty noho ty soa, sady mampilatsaky ty ora amy ty marina noho ty tsy marina.⁴⁶Fa laha ze tea anareo rey ro tiavinareo, ino ro valisoa azonareo? Moa ndra le ty mpamory haba aza tsy mba manao manahaky zay koa. ⁴⁷Laha ty rahalahinareo raiky avao ro arahabanareo, ino ro mba anovinareo mandilatsy ty hafa? Moa ndra le ty Je8aza tsy mba manao manahaky zay koa? ⁴⁸Laha zay le tsy maintsy tanteraky nareo, manahaky ty fahanteraha ty Babanareo ze an-danitsy any.

Chapter 6

¹Miembena mba tsy hanao th asa ty fahamarinanareo anila ty olo eo nareo mba ho hitan-drozy, fa laha tsyzay le tsy hahazo tyvalisoa baka amy ty Babanareo ze an-danitsy any. ²Laha zay lafa maneho fihantsa nareo, le ka mitsoky trompetra manintoy ty hafa manahaky ty anovy ty mpiatsara velatsihy amy ty synagoga any noho amy ty lala eny, ka le mba mety hahazo ty fanompoa ty olo ndrozy. Volaniko aminareo marina, fa ndrozy ro fa nandramby ty valisoany.³Fa lafa manoro fihantsa nareo, ka anovy hay ty tananareo havia ze anovy ty tananareo havana, ⁴ka le mba hamea milamy ty fanomezanareo. Bakeo ty Babanareo ze mahita amy ty milamy ro hamaly soa anareo.⁵Lafa mivavaky nareo, ka manao manahaky ty mpihatsaravelatsihy, fa ndrozy tea mitsanga noho mivavaky amy ty synagoga noho amisisi-dala eo, ka le mba mety ho hita ty olo. Volaniko aminareo marina, fa ndrozy ro fa nandramby ty valisoany. ⁶Fa nareo, lafa mivavaky, milira amy ty efi-tsanonareo ao. Hilio ty varavarw, le mivavaha amy ty Babanareo ze amy ty milqmy ao. Bakeo ty Babanareo ze mahita amy ty milamy ao ro hamaly soa anreo. ⁷Lafa mivavaky nareo, ka manao safa lako tsy misy ila azy manahaky ty anovy ty Jentilisa, ty amy ty fandinihany fa ho re ndrozy noho ty safa lako ze anoviny.⁸Laha zay, la manao manahaky androzy, fa ty Babanareo ro fa mahay raha ze ilanareo aloha ty angatahanareo Aminy rey. ⁹Laha zay mivavaha manahaky zao hozao: 'Babanay ze an-danitsy, ho hamasiny lahy ty anaranso. ¹⁰Ho avy lahy ty fanjakanao. Hanovy lahy ty sitsaponao an-tany etoy manahaky ty an-danitsy any.¹¹Ameo anay henanikio ty hany ampy ho ahy nay. ¹²Manenga ty helokinay, manahaky ty hanenganay ze meloky taminay. ¹³Sady ka manday anay amy ty fangalam-mpanahy, fa manafaha anay amy ty raty.'"[Fanamariha: Ty dika safa taloha soa bibike ro mangalaky ty hozao: "Fa Ahy nao ty fanjaka noho ty hery sady ty voninahitsy zisiky farany. Ameny."]¹⁴Fa alaha manenga ty hadala ty olo nareo, le hanenga anareo avao koa ty Babanareo ze an-danitsy any. ¹⁵Fa laha tsy manengw ty hadalan-drozy nareo, ke teg hanenga ty hadalanareo mihintsy ty Babanareo. ¹⁶koatsy zay, lafa mifaly hany nareo, ka mampiseho endriky mampalahelo manahaky ty anovy ty mpiatsaravelatsihy, fa manaraty tarehy ndrozy ka le mba mety ho hita ty olo fa tena mifaly hany. Volaniko marina aminareo, fa nandramby ty valisoany ndrozy.¹⁷Fa iha, lafa mifaly hany, alao menaky ty lohanao sady sasao ty tarehinao, ¹⁸ka le mba tsy ho hita ty hafa hoe mifaly hany, fa amy ty Babanao ze amy ty milamy ao avao; sady ty Babanao ze mahita amy ty milamy ao, ro hamaly soa anao.¹⁹Ka manajary ty hanananareo an-tany etoy, ze simbà ty kadrajaky noho heriky, sady hilira ty mpangalatsy forise ka le hangalatsy, ²⁰Fa koa, hajarior ty hanananareo an-danitsy any, ze tsy ho simbà ty ladrajaky noho heriky, sady tsy hilira ty mpangalatsy forise ka le hangalatsy. ²¹Fa ze misy ty hanananao, ro ipetsaha ty fonao avao koa. ²²Ty maso ro itsangana ty vatanao. Laha zay, lafa soa ty masonao le ho atsiky fahazava ty vata iaby. ²³Fa laha raty ty masonao, le ho atsiky haiky ty vatanao iaby. Laha zay, lafa maiky ty fahazava ze anainao ao amy zao, manao ino ty habevata haiky zay! ²⁴Tsy misy afaky hanompo tompo roe, fa halay ty raiky ie sady hitea ty raiky, lafa tsy zay hanome-vata ho ahy ty raiky ka le halay ty raiky hafa. Iha ro tsy afaky hanompo an-Janahady noho ty hanana. ²⁵Laha zay volaniko aminareo, ka miahiahy mikasiky ty ainareo, ze hohaninareo ndra ze hinominareo - ndra milasiky ty vatanareo, ze hisaloranareo. Fa tsy bevata noho ty hany va ty fiaina, sady ty vata bevata noho ty fisalora? ²⁶Hentoe voro amy ty lanitsy eny rey. Ie raiky ro tsy mandraraky ndra mamboly ndra mamory antompitsy ao, fa ty Babanareo ze an-danitsy any ro mamaha azy reny. Tsy sarotsy vatany mandilatsy reny va nareo?²⁷Ia aminareo ro afaky manampy hakio raiky amy ty andro hiainany amy ty fanahia? ²⁸Nanino nareo ro miahiahy mikasiky ty fisaloranareo? Saino ty mikasiky ty lilia amy ty baibo eny, ino ty faniria rozy reny. Tsy mba miasa rozy reny, sady tsy mandamy fisalora. ²⁹Volaniko aminareo, fa ndra i Solomona aza amy ty voninahiny oaby le tsy nosalotsy manahaky ty raiky amy reny.³⁰Laha ampisalorin-Janahady manahaky zay ty akata am-baibo any, ze iaby misy henanikio noho hamaray le atoraky am-pataoera ao, manahaky ty ino ro ampisaloriny anareo bevata vatany, nareo kelikely finoa? ³¹Laha zay ka miahiahy ka le mivola hozao: 'Ino ro hohaninay?' ndra hozao: 'Ino ro hinominay?' ndra hozao: 'Ino ty fisalora hanovinay?'³²Fa Jentilisa rey mila raha rey, sady ty Babanareo ze an-danitsy any ro mahay fa mila rey nareo. ³³Fa anovo aloha ty fanjakany noho ty fahamarinany le hamea anareo raha rey. ³⁴Laha zay, ka miahiahy ty hamaray, fa ty hamaray hitahy ty azy. Ampy ho ahy ty andro kirai-draiky ty raty aminy ao.

Chapter 7

¹La mitsara, le tsy hotsara nareo. ²Fa amy ty fitsara nanovinareo, ro hitsara anareo, sady amy ty fametara ametsaranareo, ro hametara anareo. ³Nanino iha ro manenty ty singa-akotsy kelikely anay ty maso ty rahalahinao ao, nefa tsy hainao ty akata anay masonao ao? ⁴Ino ro hivolananao ty rahalahinao hozao: 'Engao zaho hangalaky ty singa-akotsy ze anay masonao ao,' laha mbo anay ty masonao ao akata iny? ⁵Mpihatsaravelatsihy! Alao aloha ty akata ze anay masonao ao, sady bakeo iha hahita soa lafa mangalaky ty singa-akotsy ze amy ty maso ty rahalahinao ao. ⁶Ka amea ty alika ze masy, sady ka atoraky aloha ty koso eo ty vatosoanareo. Laha tsy zay le mety ho voahitsaky ty tombon-drozy, sady bakeo hifototsy noho hamiravira anareo amy ty fampitoroe. ⁷Mangatahw, le hamea nareo zay. Mila, le hahita nareo. Dondono, fa hivoha ho ahy nareo zay. ⁸Fa ze iaby mangataky, le mahazo; iaby ze mila rey, le mahita; sady ho ahy ty olo mandondo, le ho vaha. ⁹Sa ia aminareo, laha angataha ty anany mofo, ro hanome vato ho azy? ¹⁰Ndra koa laha nangatahiny fia, ka le hanome bibilava azy? ¹¹Laha zay, laha nareo ze raty aza mahay manome fanomezaka ze soa ho ahy ty ananareo rey, moa tsy bevata mandilatsy va ty raha soa ames ty Babanareo ze an-danitsy ho ahy ze mangataky aminy rey? ¹²Laha zay, ndra ino ndra ino raha teanareo hanovy ty olo amy ty vatanareo, le tokony hanao mahahaky zay amin-drozy avao koa nareo, fa zay ro lalà noho olo to-resaky rey. ¹³Milira amy ty vavahady maifotsy. Fa bevata ty vavahady sady malalaky ty lala manday amy ty fahatsoboa any, sady lako olo ze mandeha amy zay rey. ¹⁴Fa maifotsy ty vavahady sady sarotey ty lala ze mitariky mana amy ty fiaina, sady tsy ampy ze mahita rey zay. ¹⁵miembena amy olo to-resaky sandoky rey eo, ze mamonjy anareo amy ty fisaloran'aondry nefa alika-li tena mpihaza. ¹⁶Amy ty alala ty voany ro hahafantaranareo androzy. Mihary voloboky amy ty fatiky eny va ty olo, ndra koa aviavy amy ty ongo ongo eny? ¹⁷Mitovy amy zay, ty hazo soa iaby le mamokatsy voa soa, fa ty hazo raty le mamokatsy voa raty. ¹⁸Ty hazo soa ro tsy afaky ty hamokatsy voa raty, ndra koa ty hazo raty le tsy afaky mamokatsy voa soa. ¹⁹Ty hazo iaby ze tsy mamokatwy voa soa ro tapahy sady atoraky anay afo any. ²⁰Ka laha zay, ho hainareo ndrozy amy ty alala ty voany. ²¹Tsy iaby ze mivola amiko rey hozao: 'Tompo, Tompo,' le hilitry ty fanjaka ty lanitwy, fa ze manao ty sitsapo ty Babako ze an-danitsy any rey avao. ²²Lako olo hivola amimo rey amy andro say hozao: 'Tompo, Tompo, tsy fa nito-resaky tamy ty anaranao va zahay, tsy fa nampiboaky demonia rey tamy ty anaranao, sady bnanao asa bevata rey tamy ty anaranao?' ²³Bakeo Zaho hanambara amin-drozy amy olo lako hozao: 'Tsy nahay anareo mihintsy Zaho! Mialà lavitsy Ahy, mpanao raty!' ²⁴Laha zay, iaby ze mahare ty safako rey sady manenky zay le hanahaky ty olo hendry ze namboatsy ty tsanony anabo lafiam-bato eny. ²⁵Nirotsaky ty ora, le ty rano-bey, sady nifofoto noho nahazo tsano iny ty tsioky, fa tsy nilavo zay, safe namboary tanabo lafiam-bato eo. ²⁶Fa ty iaby ze mahare safako rey ka le tsy manenky azy rey le manahaky ty olo adala ze mamboatsy ty tsanony anabo fasy eny. ²⁷Nitotsaky ty ora, avy ty rano-bey, sady nifofoto noho nahazo tsano iny ty tsioky, ka le nilavo zay, sady atsiky ty faharavany. ²⁸dy lafa baka nanambara safa rey Jesosy, jilo tamy ty fampianarany olo lako rey, ²⁹safe nampianatsy androzy manahaky ty olo ze mana fahefa Ie, fa tsy mahahaky mpanora-dalàn-drozy rey.

Chapter 8

¹Lafa nijotso baka am-bohitsy eny Jesosy, le olo lako mare ro nanoriky Azy. ²Ingo, nisy boka raiky namonjy Azy sady nangataky falohany eo, nanao hozo: "Tompo, laha sitsakinao, le afaky manalio ahy Iha." ³Nanatsotsa ty tanany Jesosy sady nikasiky azy, nanao hozo: "Enkeko. Mahaliova." Teo noho eo ro nalio tamy ty fahabokany ie. ⁴Hoy Jesosy taminy hozo: "Engao mba tsy hivola ndra ino ndra ino ndra amin'ia ndra amin'ia iha. Mandehana amy ty lalanao, ka le atoro amy ty mpisoro ty vatanao sady ameo fanomeza ze nibekoa i Mosesy iny, mba ho fitsangana vavolombelo amin-drozy." ⁵Lafa nilitsy ta Kapernaomy ao Jesosy, le namonjy Azy ty kapiteny raiky sady nanontany Azy, ⁶nanao hozo: "Tompo, mandramby an-tsano ty mpoasako ao fa malemy sady anay ty faharary mare ao." ⁷Hoy Jesosy taminy hozo: "Ho avy Zaho sady hanafaky azy." ⁸Namaly azy kapiteny iny sady nanao hozo: "Tompo, tsy mendriky zaho ty tokony hiliranao ambany faton-tsanoko ao, volano avao ty safa le ho afaky ty mpiasako." ⁹Fa zaho avao koa ro lahilahy ze napetsaky ambany fahefa ao, sady mana maramila ze feheziko zaho. Mivola amy ty raiky zaho hozo: 'Mandehana', le mandeha ie, sady amy ty hafa raiky hozo: 'Avia,' le mamonjy ie, sady amy ty mpiasako hozo: 'Anovo zak,' le anoviny zay." ¹⁰Lafa re i Jesosy zay, le tseriky Ie sady nivola tamy ze nanoriky Azy rey hozo: "Volaniko aminareo marina, fa tsy mbo nahita olo nanam-pinoa manahaky zay Zaho ta Israely eto." ¹¹Volaniko aminareo, fa lako ty baka antinana any noho baka andrefa any ho avy, sady ndrozy ro hipetsaky an-databatsy eo miarakany amy i Abrahama, Isaka sady Jakoba, amy ty fanjaka ty lanitsy any. ¹²Fa anaky ty fanjaka ro hatoraky ambaliky ty haiky lavitsy any, ze hisy fitania noho fiktosoha-hy." ¹³Hoy Jesosy tamy azy kapiteny iny hozo: "Mandeha! Manahaky ty ninoanao, le engao zay hanovy ho ahy nao." Sady le afaky tamy lera zay mihintsy azy mpiasa iny. ¹⁴Lafa nilitsy tan-tsano i Petera ao Jesosy, le nahita ty rafoza-ampela i Petera nandramby narary ty tazo Ie. ¹⁵Nikasihy i Jesosy ty tanany, sady niala taminy ty tazo. Le nitsanga ie sady nanomboky nampandroso hany Azy. ¹⁶Lafa avy ty hariva, le lako nifehezy ty demonia rey nandesy ty olo tamy i Jesosy eo. Nandroaky fanahy rey tamy ty safa Ie sady nanafaky iaby ze narary rey. ¹⁷Manahaky zay ro nahantanteraky ze nambara tamy Isaia to-resaky, nanao hozo: "Ie vatany nangalaky ty fahararintsika noho nanday aretintsika rey." ¹⁸Sady lafa hita i Jesosy olo lako niodidy Azy rey, le nanome toromariky mba hiala ho amy sisiny tiaky Galilia Eny Ie. ¹⁹Bakeo ty mpanora-dalà raiky namonjy Azy sady nanao hozo: "mpampianatsy, hanoriky Anao zaho ndra aia ndra aia andehananao." ²⁰Hoy Jesosy taminy hozo: "Ty alika taloha mandavaky, sady voro ty lanitsy mana tsano, fa ty Anak'Olo tsy mana ndra aia ndra aia andoha-pandrea." ²¹Raiky hafa tamy mpianatsy rey nivola taminy hozo: "Tompo, engao zaho aloha handeha sady handevy ty babako." ²²Fa hoy Jesosy taminy hozo: "Manoriha Ahy, sady engao ty maty handevy ty maty aminy ao manoka." ²³Lafa nilitsy tamy ty laka raiky ao Jesosy, le nanoriky Azy tanay mpianatsiny ao. ²⁴Ingo, nisy talio bevata nitsanga tamy ty riaky eo, ka le atsimy ty onja ty sambo. Fa azon-droro Jesosy. ²⁵Nana Aminy eo mpianatsy rey sady namoha Azy, nanao hozo: "Vonjeo tsika, Tompo; ho maty tsika!" ²⁶Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Nanino nareo ro matahotsy, kelikely finoa?" Le nitsanga Ie bakeo sady nivola mare ty tsioky noho ty riaky. Le nisy fijanona bey bakaeo. ²⁷Tseriky lahilahy rey sady nivolvahozo: "Fa karaza lahilahy ino toy, fa ndra ty tsioky noho riaky aza manenky Azy?" ²⁸Lafa avy tamy sisiny eny noho tamy ty tanà ty Gadarenesa Jesosy, le nisy lahilahy roe ze nifehezy ty demonia nitojiky Taminy. Ndrozy ro niboaky baka amy ty lolo any sady tena nahery loha, laha zay le tsy nisy mpandeha afaky nandalo lala zay. ²⁹Ingo, nikoraky mare ndrozy sady nanao hozo: "Moa mpy ino vatany iha noho zahay, Anan-Janahary? Niavy eto va Iha hampangorohoro anay aloha ty fotoa voatondro?" ³⁰Sady nisy koso-lako mare nihina teo, tsy le lavitsy androzy. ³¹Mbo nangataky an'i Jesosy avao demonia rey sady nanao hozo: "Laha mandroaky anay Iha, le alefaso anay koso-lako rey ao zahay." ³²Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Mandehana!" Le niboaky demonia rey ka le nana amy koso rey ao; sady ingo, arety lako iaby rey nirifotsy nijotso th vohitsy militsy nana an-driaky any sady maty tanay rano ndrozy. ³³Ze nikarakara koso rey ro nilay sady nana amy ty tanà any ndrozy sady nanesy ty raha iaby, sady sandraky ze nitsanga tamy lahilahy ze nifehezy demonia rey. ³⁴Ingo, niboaky tan-tanà iaby ao rey mba hotojiky amy i Jesosy. Lafa hitan-drozy Ie, le nangataky Azy mba hiala ty faritanin-drozy.

Chapter 9

¹Nilitsy tan-daka ao Jesosy, nanapaky, sady niavy tamy ty tanàny ao. ²Ingo, nisy lahilahy marary ty paralysisy nandramby tam-pandrea eo nandesin-drozy Taminy eo. Lafa nahita ty finoan-drozy, le hoy Jesosy tamy azy lahilahy marary ty paralelisa iny hozao: "Anaky, enga anie iha hifaly. Fa voenga ty helokinao." ³Ingo, ty ilany tamy mpanora-dalà rey nanao am-po hozao: "Mivola raty lahilahy io." ⁴Hay i Jesosy ty eritseritsin-drozy sady nivola hozao: "Nanino nareo ro mieritseri-draty am-ponareo?" ⁵Fa ia ro moramora vatany ro mivola azy hozao: "Voenga ty helokinao," sa ty mivola hozao: "mitsangana ka le mandehana?" ⁶Fa mba ho hainareo fa ty anak'olo ro mana fahefa hanenga heloky anabo ty tany eto,..." hoy Ie tamy azy marary ty paralisisa iny hozao: "Mitsangana, ondrono ty fandreanao, sady mandehana an-tsanonao any." ⁷Bakeo nitsanga lahilahy iny sady nana an-tsanony any. ⁸Lafa nahita zay ty olo lako, le tseriky ndrozy sady nanompo an-Janahary, ze nanome fahefa manahaky zay ho ahy ty olo. ⁹Sady laha niala bakeo Jesosy, le nahita lahilahy nikaihy hoe Matio, ze nipetsaky tamy ty lay ty famoria-haba eo. Hoy Ie taminy hozao: "Manoriha Ahy." Nitsanga ie sady nanoriky Azy. ¹⁰Sady laha nipetsaky hihina tan-tsano Jesosy ao, ingo, mpamory haba noho solo mpanota lako avy sady niaraky-nihina tamy Jesosy noho mpianatsiny rey. ¹¹Lafa nahita zay fariseho rey, le nivola tamy mpianatsiny ndrozy hozao: "Nanino ty mpampianatsinareo ro miara-mihina amy ty mpamory ba noho ty olo mpanota?" ¹²Lafw nahare zay Jesosy, le hoy Ie hozao: "Ty olo matanjaky ara-bata ro tsy mila mpitaha, fa ze marary rey avao. ¹³Tokony mandeha mianatsy nareo ty dika ty hozao: 'Famalo zam-po ro iriko fa tsy soro.' Fa avy Zaho, tsy hikaiky marina rey hibeaky, fa mpanota rey." ¹⁴Bakeo namonjy androzy mpianatsy i Jaona rey ka le nivola hozao: "Nanino zahay noho fariseho rey ro mifaly hany san'andro, fa mpianatsinao rey koa tsy mba mifaly?" ¹⁵Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Mety halahelo va longo ty mpampiakatsy rey, laha mbo miaraky aminin-drozy eo ty mpampiakatsy? Fa ho avy ty andro hangala ty mpampiakatsy amin-drozy eo, le amy ze androzy vo hifaly hany. ¹⁶Tsy misy olo manampea salotsy tonta amy ty tapa-tsiky vaovao, fa ty tampy hanataky ty siky, sady hisy tsiatsy raty lavitsy. ¹⁷Tsy misy olo manisidy divay vaovao any sihoa holitsy tonta. Lafa manao zay ndrozy, le ho jiatsy ty sihoa holitsy, ho raraky ty divay sady ho toro ty sihoa holitsy. Fa koa, manisidy divay vaovao anay sihoa holitsy vaovao ao ndrozy, sady ho voahajary ndrozy." ¹⁸Laha mbo nivola raha rey tamin-drozy Jesosy, le ingo, nisy manam-pahefa raiky niavy ka le nandohaliky taminy eo. Nivola ie hozao: "Maty amy zao ty anak'ampelako, fa miavia sady apetsaho aminy eo ty tananao, le ho velo ie." ¹⁹Bakeo nitsanga Jesosy sady nanoriky azy, le nanao manahaky zay koa mpianatsiny rey. ²⁰Ingo, nisy ampela ze fa nandeha lio tanay ty folo roa amby tao, nana afara i Jesosy ao sady nikasiky ty sisidy salotsiny. ²¹Fa hoy ie tamy ty vatany hozao: "Laha mahavoakasiky ty sikiny avao zaho, le ho afaky." ²²Fa nitoliky Jesosy ka le nahita azy, le nivola hozao: "Anak'ampela, mahereza; ty finoanao ro nahafaky anao." Sady afaky azy ampela iny nanomboky tamy lera io. ²³Lafa avy tamy ty tsano azy manam-pahefa Jesosy, le nahita mpitsioky sody rey noho olo lako rey nikorakoraky mare rey Ie. ²⁴Le hoy Ie hozao: "Mandehana, fa tey maty azy ajam-pela iny, fa miroro ie." Fa nihehy Azy tamy ty fikizaha androzy. ²⁵Lafa niboaky tambaliky ty olo lako any, le nilitsy tan'efitsy ao Ie sady nandramby azy tamy tt tana, sady nitsanga azy aja-ampela iny. ²⁶Niparitaky nameno ty faritsy iqby ty vaovao mikasiky zay. ²⁷Sady laha teo jesosy, le nisy jiky roe lahy nanoriky Azy. Tsy nijano nikaiky androzy sady nivola hozao: "Mamalo fo aminay, ana i Davida!" ²⁸Lafa avy tan-tsano Jesosy ao, le namonjy Androzy lahilahy jiky. Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Mino va nareo fa mahay manao zay Zaho?" Le hoy ndrozy taminy hozao: "Eka, Tompo." ²⁹Bakeo nikasidy i Jesosy ty mason-drozy sady nivola hozao: "Ho tanteraky aminareo manahaky ty finoanareo lahy zay," ³⁰sady nahita ty mason-drozy. Bakeo Jesosy nibeko mare androzy sady nivola hozao: "Engao mba tsy hisy olo hahay mikasiky zao." ³¹Fa nandeha roe lahy rey ka le nampiparitaky ty vaovao mikasiky zay nameno faritsy zay. ³²Sady laha nandeha roe lahy rey, le ingo, nisy lahilahy moa nipetsaha ty demonia nandesy tamy i Jesosy eo. ³³Sady lafa naboaky azy demonia iny, le nivola azy lahilahy moa iny. Tseriky ty olo lako ka le nivola hozao: "Tsy mbo fahita indraikytamy Israely zao!" ³⁴Fa hoy fariseo rey hozao: "Tamy ty fanapaha demonia rey, ro nampiboahany demonia rey." ³⁵Nandeha nitety tanà-bevata rey noho vohitsy iaby rey Jesosy. Nanohy nampianatsy tamy synagovan-drozy rey any Ie, nanambara ty filazantsoa ty fanjaka, sady nanafaky karazan'arety iaby noho karaza faharary iaby rey. ³⁶Lafa nahita olo lako rey Ie, le nana fangoraham-po tamy rey safe niahiahy noho kivy ndrozy. Manahaky ty aondry tsy misy mpiemby ndrozy. ³⁷Le hoy ie tamy mpianatsiny rey hozao: "Lako ty vokatsy, fa mpiasa rey ro tsy ampy." ³⁸Laha zay mivavaha malaky amy ty Tompo ty vokatsy, mba handefasany mpiasa amy ty vokatsiny."

Chapter 10

¹Nikaihy Jesosy niaraky mpoanatsiny folo roa amby rey sady nanome androzy fahefa amy fanahy maloto rey, mba handroaha androzy, noho hanafaha karazan'arety noho karaza faharary iaby rey.²Sady ndreto iaby ty anara apostoly folo roa amby rey. Ty celohany, Simona (ze kaihy avao koa hos Petera), sady Andreo rahalahiny; Jakoba anakilahy i Zebede, noho Jaona rahalahiny; ³Filipo, noho Barteleomy; Tomasy, noho Matio azy mamory haba iny; Jakoba anakilahy i Alfeosy, sady Tadeosy; ⁴Simona azy Zelota iny, sady Jodasy Iskariota, azy hamitaky Azy iny.

⁵Nirahy i Jesosy rozy folo roa amby. Nanoro androzy Ie sady nivola hozao: "Ka mandeha amy ty toera ze hipetsaha ty Jentilisa any nareo, sady ka militsy amy ty tana Samaritana rey. ⁶Fa mandehana koa amy aondry tsobo rey amy ty tariha Israely rey any; ⁷ka lafa mandeha nareo, le manambara sady ambarao hozao: 'Fa marine ty fiavia ty fanjaka ty lanitsy.'⁸Afaho ty marary, atsangano ty maty, liovo boka rey, sady roaho demonia rey. Manahaky ty nahazoanareo amy zao avao, le manomeza avao koa amy zao avao.⁹ Ka manday volamena, volafoty, ndra saba amy ty kitapon-dralanareo ao. ¹⁰Ka manday kitapom-batsy amy ze andehananareo, ndra fisikina hafa, ndra kiraro, ndra tehy fa ty mpiasa ro maeva hahazo ty haniny.¹¹Ndra ino ndra ino tanà-vevata ndra tanà kelikely hiliranao, ilao ze maeva ao, sady mipetsaha zisiky-pialanareo ao. ¹²Laha vo militsy amy azy tsano iny ao nareo, le miarahaba ty ao. Laha maeva azy tsano iny, le engao ty fiadanareo ho avy ao. ¹³Fa laha tsy maeva koa zay, le engao ty fiadanareo himpoly aminareo.¹⁴Ho ahy ze tsy mandramby anareo ndra mijanjy ty safanareo, le ahitsano ty lemboky amy ty tombonareo, lafa miala amy tsano ndra tanà-bevata zay nareo. ¹⁵Volaniko aminareo marina, fa ho moramora vatany ty ahy ty fany i Sodoma noho Gomora amy ty andro fitsara noho tanà-bevata zay.

¹⁶Ingo, handefa anareo manahaky ty aondry anivo ty alika-ly eo Zaho, ka le hahare manahaky ty menara sady tsy manan-tsiny manahaky ty pizon. ¹⁷Miembena ty amy olo! Hanome anareo amy ty fila-hevitsy eo ndrozy, sady hamango anareo amy ty sinagogan-drozy ao.¹⁸ Bakeo le handesy aloha ty governora noho ty mpanjaka nareo noho ty Amiko, mba ho vavolombelo ho androzy noho ho ahy Jentilisa.¹⁹Lafa manome anareo ndrozy, le ka mana ahiahy ty amy ty hoe manao akory ndra ino ndra ino ro ho volaninareo, fa hamea nareo amy lera io ze tokony ho volany. ²⁰Fa tsy nareo ro hivola, fa ty Fanahy Babanareo iny ro hivola aminareo ao.²¹Ty rahalahy ro hanome ty rahalahy ho amy ty fahafatesa, sady ty raiky ro ty anany. Ty anaky ro hitsanga hanohitsy ty ray aman-dreniny ka le hahavy ty fahafatesan-drozy. ²²Ho hala ty olo-iaby nareo noho ty amy ty anarako. Fa ndra ia ndra ia miaritsy zisiky amy farany, le ho voasarombaky olo zay. ²³Lafa manenjiky anareo amy tanà-bevata io ao ndrozy, le milaisa amy ty manaraky any, fa volaniko aminareo marina, fa tsy hahafampitsy tanà Israely rey aloha ty iavia ty Anak'Olo nareo.²⁴Ty mpianatsy ro tsy bevata noho ty mpampianatsiny, ndra ty mpanompo ho anabo noho ty tompony. ²⁵Ampy ho ahy ty mpianatsy laha avy manahaky ty mpampianatsiny ie, sady ty mpanompo manahaky ty tompony. Laha nikaihin-drozy hoe Belzeboba ty tompo ty tsano, le ho raty lavitsy manahaky ty ino anara hikaihian-drozy rey ty hisam-pilongoa!²⁶Laha zay ka matahotsy androzy, fa tsy hisy toka ze tsy hiboaky, sady raha tsy hita ze tsy ho hay. ²⁷Ze volaniko anareo amy ty haiky ao, le volano amy ty andro mazava, sady ze bisibisiky renareo amy ty sofinareo, le ambarao anabo tafotsano eny.²⁸Ka matahotsy ahy ty ze mamono ty vata nefa tey afaky mamono ty fanahy. Fa koa, matahora ahy ze afaky mamotiky ty fanahy noho ty vata amy ty helo eny. ²⁹Moa va tsy jala maliniky kelikely ro hamarota foly roe? Fa tsy mbo misy ndra raiky amin-drozy ka milavo amy ty tany laha tsy misy ty fahaiza ty Babanareo. ³⁰Fa ndra ty volon-dohanareo ka voahisaky iaby. ³¹Ka matahotsy. Manandanja bevata vata noho ty foly lako nareo.³²Laha zay ze iaby manenky Ahy anila ty olo eo, le ho enkeko avao koa anila ty Babako eo ze an-danitsy any. ³³Fa ze mandà Ahy anila ty olo eo koa, le tsy henkeko avao koa anila ty Babako eo ze an-danitsy any.³⁴Ka mieritseritsy fa zaho ro avy handay fiadana an-tany eto. Tsy avy mba handay fiadana Zaho, fa meso. ³⁵Fa niavy zaho nampisaraky ty anakilahiko amy ty babany, noho ty anak'ampela amy ty reniny, sady ty vinanto ampela amy ty rafozany ampela. ³⁶Ze an-tokatsanony ao rey avao ro ho hanjary fahavalo ty olo. ³⁷Ze tea ty babany ndra reniny mandilatsy Ahy vatany ro tsy maeva Ahy; sady ze tea ty anak'ampela mandilatsy Ahy ro tsy maeva Ahy. ³⁸Ze tsy mandramby ty hazofijaleany ka le manoriky Ahy le tsy maeva Ahy. ³⁹Ze mamonjy ty ainy ro hahatsobo ty ainy le hahatsobo zay. Fa ze mahatsobo ty ainy noho ty amiko le hahita zay.⁴⁰Ze mandramby anareo ro mandramby Ahy, sady mandramby azy naniraky ahy iny avao koa. ⁴¹Ze mandramby ty olo to-resaky safe to-resaky ie ro hahazo ry valisoa ty to-resaky, sady ze mandramby ty olo-marina safe ty olo-marina ie ro hahazo ty valisoa ty olo-marina.⁴²ndra ia ndra ia manome ty raiky amy maliniky bibiky reny, ndra le rano manitsy kopy raiky hinomy aza, safe ie mpianatsy, ro ambarako aminareo marina fa, tsy ho tsobo ty valisoany."

Chapter 11

¹Sady lafa baka nampianatsy mpianatsiny folo roa amby rey Jesosy, le niala baka eo le hampianatsy noho hanambara amy ty tanan-drozy any. ²Sady lafa re i Jaona tan-gadra ao ty mikasiky asa i Kristy rey, ro nandefa hafatsy tamy ty alala mpianatsiny rey ie ³ka le nivola Azy hozao: 'Iha va azy raiky ze ho avy iny, sa tokony hila hafatsy zahay?' ⁴Jesosy namaly sady nivola androzy hozao: 'Mandehana sady ambarao amy i Jaona ze hitanareo noho renareo.' ⁵Mahazo fahifa jiky tsy, mandeha olo kombo rey, liovy boka rey, mahare ndraiky olo mareny rey, atsangan-ko ho veli olo maty rey, sady hanambara vaovao mahafaly ty mijaly rey. ⁶Sambatsy ze tsy meloky noho ty amiko.' ⁷Laha nandeha tamy ty lalany eny lahilahy rey, le nanomboky nivola ty mikasiky i Jaona tamy olo lako rey Jesosy hozao: 'Hanenty ino ro niboahanareo ambaliky any - volotara tsiofy ty tsioky?' ⁸Nefa hanenty ino ro niboahanareo - lahilahy manao fisikina sarotsy vily? Ingo, ze manao fisikina sarotsy vily ro mipetsaky an-tsano mpanjaka ao. ⁹Nefa hanenty ino ro niboahanareo - to-resaky? Eka, mivola aminareo Zaho, sady mandilatsy lavitsy noho ty to-resaky. ¹⁰Ie azy ze voasoratsy hozao: 'Hentao, maniraky ty hirahiko hoaloha ty tarehinareo Zaho, ze hanoma ty lalanareo aloha nareo.' ¹¹Ambarako aminareo marina, fa amy ze natera-ty ampela rey ro tsy misy bevata mandilatsy noho Jaona mpanao Batisa. Nefa ty olo tsy manan-danja bibiky amy ty fanjaka ty lanitsy eo ro bevata noho ie. ¹²Nanomboky tamy ty andro i Jaona mpanao Batisa ka le zisiky amy zao, le miaritsy amy ty heriloha ty fanjaka ty lanitsy, sady olo mahery loha rey ro mangalaky forisé azy. ¹³Fa olo to-resaky iaby rey noho ty lalá ro fa nanao resaky to zisiky amy i Joda; ¹⁴sady laha enkenareo ty hanenky zay, le le ro Elia azy ho avy iny. ¹⁵Ze manan-tsofy ho andesi-mijaniry, engao ie hijaniry. ¹⁶Amy ino ro tokony hampitoviziko tariha toy? Zay ro manahaky ty aja mihisa amy bazary eny, ze mipetsaky noho mifampitsotso ¹⁷ka mivola hozao: 'Nitsoky sody ho ahy nareo zahay, fa tsy nisindraky nareo. Nanao hira fisaona zahay, fa tsy nitany nareo.' ¹⁸Fa Jaona ro tsy niavy hihina mofo ndra hino divay, ka le hoasan-drozy hozao: 'Mana demonia ie.' ¹⁹Ty Anak'Olo ro niavy hihina noho hino ka le hoasan-drozy hozao: 'Hentao, lahilahy tea-hany noho mpino toaky ie, nama mpamory haba noho mpanota rey!' Fa ty fahendrea ro voamarina tamy asany rey. ²⁰Bakeo Jesosy nanomboky nivola maré tanà ze nanovany ty halakoa ty asany mahatseriky rey, safe tsy nibebaky ndrozy. ²¹'Loza ho ahy nareo, Korazina a! Loza ho ahy nareo, Betsaida a! Laha nanovy ta Tyra noho Sidona any asa mahatseriky ze nanovy taminareo teto rey, le fa ela ro nibebaky tamy ty siky fisaona noho lavenoky ndrozy. ²²Nefa ho lako vatany ty ahy ty Tyra noho Sidona amy ty andro ty fitsara mandilatsy noho ty ahy nareo. ²³Nareo, Kapernaomy e, midiniky va nareo fa hasondrotsy an-danitsy any? Aha, handesy hijotso amy ty helo any nareo. Safe laha ta Sodoma any ro nanovy asa mahatseriky ze nanovy taminareo teto rey, le mbo ho tavela zay zisiky androany. ²⁴Nefa mivola aminareo Zaho fa ho lako vatany ho ahy ty tany i Sodoma ty andro ty fitsara noho ty ho aminareo.' ²⁵Tamy fotoa zay Jesosy nivola hozao: 'Manompo Anao Zaho, Njanahary e, Tompo ty lanitsy noho ty tany, safe Iha ro namony raha rey tamy ty hendry noho ty mahay, sady nanambara tamy ze tsy mahay rey, manahaky aja kelikely rey. ²⁶Eka, Njanahary e, safe zay ro nitea tamasonao eo. ²⁷Ty raha iaby napetsaky tamiko le baka amy ty Babako; sady tsy misy mahay ty Anaky hafa-ty ty Njanahary sady tsy misy mahay ty Njanahary hafa-ty ty Anaky, noho ze nitingy ty Anaky hanambara Azy. ²⁸monjea amiko atoy, nareo iaby ze miasa noho manday mavesatsy, le ameako fijanona nareo. ²⁹Andeso ty ziogako sady mianara amiko, fa malemy fanahy noho mampijotso vata am-po Zaho, le hahita fijanona ho ahy ty fanahinareo nareo. ³⁰Fa mora ty ziogako sady maiva ty entako.'

Chapter 12

¹Tamy fotoa zay Jesosy nandeha namakivaky ty tanimbary tamy ty andro Sabata. Mosary mpianatsiny rey ka le nanomboky nihary salohim-bary le nihinana rozy. ²Nefa noho ty hita ty Fariseo rey zay, le hoasan-drozy tamy i Jesosy hozo: "Hentao, mpianatsinao rey manao ze tsy ara-dalà ty manao azy amy ty Sabata." ³Fa Jesosy nivola androzy hozo: "Mbo tsy nivakinareo mihintsy va ty raha nanovy i Davida, lafa mosary ie, noho lahilahy iaby niaraky taminy rey? ⁴Nilitsy tamy ty tsanon-Janahary ao ie sady nihina ty mofo ty fanatseha, ze tsy ara-dalà ho azy laha hany sady tsy ara-dalà ho ahy ze niaraky taminy rey, nefa ara-dalà ho ahy ty loha ty mpisoro raiky avao. ⁵Tsy mbo nivakinareo va ty amy ty lalà ao, fa amy ty Sabata mpisoro rey an-degilizy ao le manota noho Sabata nefa tsy manan-tsiny? ⁶Nefa volaniko aminareo fa eyo ty raiky bevata noho ty egilizy. ⁷Laha hainareo ty hevitsy ty hozo: 'Famaloza-po ro iriko fa tsy soro,' le tsy nanameloky ty tsy manan-tsiny nareo. ⁸Fa ty Anak'Olo ro Tompo ty Sabata. ⁹Bakeo Jesosy niala tao ka le nilitsy tamy ty synagogan-drozy ao. ¹⁰Ingo, nisy lahlahy ze malemy tana teo. Nanontany an'i Jesosy Fariseo rey, nanao hozo: "Ara-dalà va ty manafaky amy ty Sabata?" mba hahazoandrozy Azy amy ty fahota. ¹¹Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Olo ia aminareo eo, ia, laha aondry raiky avao ro anarany, ka le laha latsaky anay lavaky laliky aondry iny amy ty Sabata, ro tsy hanambotsy azy sady tsy hampiakatsy azy? ¹²Tsy manan-danja mandilatsy lavitsy, va, ty olo noho ty aondry! Ka laha zay le ara-dala ty manao soa amy ty andro Sabata. ¹³Bakeo hoasa Jesosy tamy lahilahy iny hozo: "Amparo ty tananao." Le nampariny zay, ka le nimpoly ty fahasalamany, manahaky ty tanany ilany. ¹⁴Fa niboaky Fariseo rey ka le nitetiky ty hamono Azy. Nila hevitsy ty amy ty fomba mety hamono Azy ndrozy. ¹⁵Lafa nahay zay Jesosy, le niala teo le. Olo lako ro nanatariha Azy, sady nafahany rozy iaby. ¹⁶Le nibeko andro le mba tsy hampahay Azy amy ty hafa, ¹⁷mba hahantanteraky, ze fa nambara tamy ty alala i Isaiah to-resaky, manao hozo: ¹⁸"Hentao, ty mpanompoko ze nitinginiko; azy teako iny e, ze enke ty fanahiko bibiky. Hapetsako aminy ao ty fanahiko, sady hanambara ty fitsarà amy Jentilisa ie. ¹⁹Tsy hifanditsy ndra hikaiky maré ie; sady tsy hisy olo hahare ty feony an-dalà eny. ²⁰Tsy hanapaky ty volotara torotoro ie; tsy hamono ze lahin-jiro manetsoky, zisiky-hananovany ty rariny ho fandrese, ²¹sady amy ty anarany ro hana Jentilisa rey fanantena. ²²Bakeo nisy olo jiky noho moa, nipetsaha ty demonia, nandesy tamy Jesosy eo. Nafahany ie, vokatsy zay le nivola noho nahita azy moa iny. ²³Tseriky olo lako iaby rey ka le nivola hozo: "Mety lahilahy io va ro Ana i Davida?" ²⁴Nefa lafa nahare hatsereha zay Fariseo rey, le hoasandrozy hozo: "Lahilahy io ro tsy mamoa demonia laha-tsy amy ty alala i Belzeboba, bey ty demonia." ²⁵Nefa hay i Jesosy ty eritseritsin-drozy ka le nivola andro ie hozo: "Ty fanjaka iaby mialy an-tsano le tsy haharitsy, sady ty tanà ndra tsano ro tsy ho ela, sady ty tanà ndra tsano iaby mialy an-tsano le ho rava. ²⁶Laha mamoa satana ty satana, le mialy an-tsano ie. Manao akory laha zay ro hitsangana ty fanjakany? ²⁷Sady laha mamoa demonia rey amy ty alala i Belzeboba Zaho, le amy ty alalan'ia zay ro androaha ty ananareo androzy? Laha dikany zay le ho mpitsaranao ndrozy. ²⁸Nefa laha mamoa demonia amy ty alala ty Fanahin-Janahary Zaho, le fa niavy aminareo ty Fanjakan-Janahary. ²⁹Amy ty fomba ino ro hafaha ty olo militsy an-tsano ty lahilahy mahery ao sady mangalaky fananany rey laha tsy hafehy aloha lahilahy mahery iny? Bakeo hangalaky fananany rey an-tsanony ao ie. ³⁰Ze tsy mikasiky Ahy le manohitsy Ahy, sady ze tsy miharo miaraky Amiko le miparitaky. ³¹Laha zay ambarako aminareo fa, ho voa enga heloky ty olo amy ty fahota noho fivolana-raty iaby, fa ty fivolana-raty amy ty Fanahy Masy ro tsy hahazoa fanengan-keloky. ³²Ndra ia ndra ia mivola manohitsy ty Anak'Olo, le ho voa enga ie. Fa ndra ia ndra mivola manohitsy ty Fanahy Masy, le tsy voa enga ie, ndra amy fiaina zao, ndra amy ze ho avy. ³³Anovo soa ty hazo le hamoa soa zay, ndra anovo raty ty hazo le hamoa raty zay, fa hay amy ty voany ty hazo. ³⁴Nareo tariha ty menarà, safe raty fanahy nareo, ka le ino ro hafahanareo mivola raha soa? Fa baka amy ty habey ty am-po ao ro ivolana ty vavany. ³⁵Ty olo soa baka amy ty hanana soa am-pony ao ro mamokatsy ze soa, sady ty olo-raty baka amy ty hanana raty am-pony ao ro mamokatsy ze raty. ³⁶Ambarako anareo fa amy ty andro ty fitsarà ro antonea amy ty safa tsy voadiniky nivolaniny iaby ty olo. ³⁷Fa ty safanao ro hanamary anao, sady ty safanao ro hanasazia anareo." ³⁸Bakeo nisy mpanora-dalà noho Fariseo ilany namaly an'i Jesosy sady nivola hozo: "Mpampianatsy e, maniry ty hahita fahaiza baka aminao zahay." ³⁹Fa namaly Jesosy sady nivola androzy hozo: "Misy tariha raty fanahy noho mpaheriloha mila fahaiza. Nefa tsy misy fahaiza amea azy hafa-tsy ty fahaiza i Jaona to-resaky. ⁴⁰Fa manahaky an'i Jonah ze telo andro noho telo haliky tan-tsarotso ty fia bevata ao, ke hanahaky zay koa ro hipetsaha ty anan'olo telo andro noho telo haliky anay ty tany ao. ⁴¹Olo i Ninive rey ro hitsanga amy ty fitsara miara amy ty tariha toy eo szdy hanasazy zay. Fa nibebaky ndrozy tamy ty torintsafa i Jaonah, sady ingo, misy olo bevata mandilatsy Jaonah eto. ⁴²Ty mpanjakam-pela ty antimo ro hiara-hitsanga amy lahilahy rey ty tariha toy amy ty andro ty fitsarà sady hanasazy zay Niavy baka amy ty fara ty tany any ie mba hahare ty fahendre i Salomona, sady ingo, misy olo bevata mandilatsy Solomona, sady ingo, misy olo bevata mandilatsy Solomona eto. ⁴³Lafa nisy fanahy raty niala tamy ty lahilahy raiky ao, le mandalo ta karakaina any ie

sady mila fijanona, nefa tsy mahita zay. ⁴⁴Zay ro manambara hozao: 'Hidiniky amy ty tsanoko any ze niaviako zaho.' Sady lafa niavy, le nahita fa voafaca ty tsano sady nilamy. ⁴⁵Bakeo le nandeha zay sady nanday fanahy raty fito niaraky taminy ze raty mandilatsy azy, ka le nilitsy nipetsaky tao rozy iaby. Bakeo niha-raty noho ty velohany ty fihafarà lahilahy zay. Sady hanahaky zay koa ty amy ty tarihz raty fanahy toy."⁴⁶Laha mbo nivola tamy ty olo lako Jesosy, le ndreo, ty reniny noho rahalahiny rey nitsanga tambaliky any, nila hiresaky aminy. ⁴⁷Nisy olo raiky nivola taminy hozao: "Hentao, ty reninao noho rahalahinzo mitsanga ambaliky ao, mila hiresaky aminao."⁴⁸Fa namaly Jesosy sady nivola famy azy nivola Azy iny hoe, "Ia ro reniko sady ia rahalahiko rey?" ⁴⁹Bakeo nampariny tamy mpianatsiny rey ty tanany sady nivola hozao: "Hentao, ndreto ty reniko noho rahalahiko rey!" ⁵⁰Fa ze manao ty fanenkea ty Babako ze an-danitsy any, le olo zay ro rahalahiko, noho ty anabaviko, sady reniko."

Chapter 13

¹Tamy andro zay Jesosy nandeha nihoaky ty tsano sady nipetsaky tamy sisiny ty riaky. ²Nisy olo lako maré nivory niodidy Azy, ka le nilitsy tan-daka ao le sady nipetsaky tamy zay ao, laha nitsanga tamy sisin-driaky eo koa ty olo lako iaby. ³akeo Jesosy nivola raha lako tamin-drozy tamy ty alala ty fanohara. Hoy le hozao: "Ingo, nisy mpamboly raiky nandeha nihoaky handraraky voa. ⁴Lafa handraraky iny ie, le nisy voa ilany latsaky tamy sisin-dala eny, sady tamy voro rey ka ke nandrapaky rey. ⁵Voa hafa rey ndraiky ro latsaky tamy ty tany be vato eny, ze tsy nahazo nofon-tany soa rey. ⁶direkita le nitiry rey, safe tsy laliky ty tany. ⁷Fa lafa nihoaky ty masoandro, le maiky rey safe tsy nisy fotony, sady le nalazo. ⁸Nilatsaky tamy ty fatiky ro voa hafa rey. Nitiry fatiky rey sady nanasazy androzy. ⁹Voa hafa nilatsaky tamy ty tany soa rey sady namoa voany, ty ilany nitombo zato, ty ilany enim-polo, sady ty ilany telo-polo. ¹⁰Ze manan-tsofy, engao ie hijanjy." ¹¹Tamy mpianatsy rey sady nivola an'i Jesosy hozao: "Nanino lha ro miresaky amy olo lako rey amy ty alala ty fanohara?" ¹²Namaly Jesosy sady nivola androzy hozao: "Nareo ro namea tombony hahaza raha-tsy hita ty fanjaka ty lanitsy rey, fa ho androzy ro tsy namea zay. ¹³Safe ndra ia ndra ia mana, le ho bey vatany aza ro hamea. Fa ndra ia ndra ia koa tsy mana, ndra ze hananany aza halà aminy. ¹⁴Zay ro dika ty hiresahako amin-drozy amy ty alala ty fanohara : Ndra le manenty aza ndrozy, le tsy mahita; sady ndra le mijanjy aza ndrozy, le tsy maharé, ndra mahazo. ¹⁵Amin-drozy ty hato-resaky Isaia ro tanteraky, ze mivola hozao: 'Lafa mijanjy le haharé nareo, fe tsy hahazo mihintsy; lafa manenty le hahita nareo, fe tsy hahatakatsy.' ¹⁶Fa nanjary ty fo olo lako toy, sady mahery sofny ndrozy, sady napin-drozy ty masony, mba tsy hahita amy ty mason-drozy, ndra hahare amy ty sofin-drozy, ndra hahazo amy ty fon-drozy, ka le hivebaky ndraiky ndrozy, sady hanafajy androzy Zaho. ¹⁷Fa sambatsy ty masonareo, safe mahita; sady ty sofinareo, safe mahare. ¹⁸Ambarako aminareo marina fa olo to-resaky noho olo-marina lako ro naniry ty hahita raha ze hitanareo rey, nefa tsy nahita an'i rey. Naniry ty hahare raha ze renareo rey rozy, nefa tsy nahare an'i rey. ¹⁹Ka le mijanjy sady ty fanohara ty amy ty mpamboly raiky ze nandraraky ty voany. ²⁰Lafa misy mahare ty safa ty fanjaka nefa tsy mahazo zay, le niavy azy raty iny sady manombotsy ze nararakany ram-pony ao. Io azy voa nararakany tamy sisin-dala eny iny. ²¹Azy nararakany tamy ty tany be vato eny iny ro ty olo ze mahare ty safa sady direkita le mandramby azy am-pifalea, ²²fe tsy mbo miorim-paka anainy ao ie sady le tsy ela tsy ela avao. Lafa niavy ty fahoria ndra ty faniana noho ty amy ty safa, le malaky meloky ie. ²³Azy nararakany tamy ty fatiky eny iny, io ro ty olo ze mahare ty safa, fe ty fiahiahy ty tany iaby toy noho ty fitaky ty hanana ro manasazy ty safa, sady le nanjary tsy mamoa ie. ²⁴Azy nararakany tamy ty tany soa iny, io ro olo ze mahare ty safa sady mahazo zay. Mamoa voankazo ie sady mahavy ty voa raiky, hanome mitombo mandilatsy zato ze nambole, ty ilany enim-polo, ty ilany mitombo telo-polo. ²⁵Nanoro fanohara raiky hafa tamin-drozy Jesosy. Hoy le hozao: "Ty fanjaka ty lanitsy ro manahaky ty lahilahy raiky ze nandraraky voa soa tamy baibony eo. ²⁶Fa lafa niroro iny ty olo, le niavy ty fahavalony sady nandraraky voa-tsimparifary avao koa tamy vary rey ao sady nandeha. ²⁷Lafa nitiry vary rey sady bakeo namokatsy boany rey, le nihoaky avao koa voan-tsimparifary rey. ²⁸Niavy mpiasa ty tompon-tany rey sady nivola taminy hozao: 'Tompoko, tsy nandraraky voa soa tamy ty baibonao va iha? Nanino ie amy zao ro misy voan-tsimparifary?' ²⁹Hoy ie tamin-drozy hozao: 'Nisy fahavalo nanao zay.' Hoasa mpiasa rey taminy hozao: 'Ka le teanao va ty handehananany manombotsy androzy?' ³⁰Azy tompon-tany iny nivola hozao: 'Aha. Safe laha manombotsy tsimparifary rey nareo, le mety hanombotsy ty foto vary rey miarakany amy rey koa. ³¹Engao hiarahitiry rozy roe zisiky amy ty fambolea. Amy ty fotoam-pambolea le hivola amy ty mpamboly zaho hozao: 'Alao aloha ahi-draty rey sady fehezo ho fehy lako mba hanoroa androzy, fa avorio amy ty fipetsaham-bokatsiko ao koa vary rey.' ³²Bakeo Jesosy nanoro fanohara raiky hafa tamin-drozy. Hoy le hozao: "Ty fanjaka ty lanitsy ro mahahaky ty voatsinapy ze nala ty lahilahy raiky sady nararakany tamy ty baibony eo. ³³Voa io tokoa ro voa kelikely bibiky amy ty voa hafa iaby. Fa lafa nitiry zay, le bevata noho raha-mitiry rey amy ty baibo ao. Nanjary hazo zay, mba hiavia ty voro ty lanitsy sady hanao ty tsanon-drozy amy rantsany rey eo. ³⁴Bakeo Jesosy nivola fanohara raiky hafa. "Ty fanjaka ty lanitsy ro manahaky ty lalivay ze nala ty ampela raiky sady nafangarony tamy lafariny intelo fameza zisiky-mampiakatsy ty foto-koba iaby. ³⁵Fanohara ro nambara i Jesosy raha-iaby rey tamy ty olo lako rey; sady tsy nivola ndra ino ndra ino tamin-drozy hafa-tsy tamy ty fanohara le. ³⁶Zay ro mba hahantanteraky ze nivolany tamy ty alala ty to-resaky, lafa nivola le hozao: "Zaho hiloa-bava amy ty alala ty fanohara. Hivola raha ze tsy hita fa ela namboara ty tany iaby toy Zaho. ³⁷Bakeo Jesosy niala olo lako rey sady nana an-tsano ao. Nandeha aminy eo mpianatsiny rey sady hivola hozao: "Hazavao aminay ty fanohara mikasiky tsimparifary ty baibo iny." ³⁸Namaly Jesosy sady nivola hozao: "Azy mandraraky voa soa iny le ty Anan'olo. ³⁹Ty baibo ro tany iaby zao; sady ty voa soa, ro ana ty fanjaka rey. Ty tsimparifary ro ana azy raty iny, ⁴⁰sady ty fahavalo ze nandraraky androzy ro ty devoly. Ty fambolea ro ty fihafarà ty tany iaby toy, sady ty mpamboly ro anjely rey. ⁴¹Laha zay, manahaky ty amorina noho anoroa tsimparifary rey amy ty afo, ro anovy koa amy ty fihafarà

ty tany iaby toy. ⁴¹Haniraky anjeliny rey ty Anan'Olo, sady ho avorin-drozy hiala amy ty fanjakany raha iaby ze mahavy fahota rey, noho ze manao raty rey. ⁴²Ho atoran-drozy amy ty laforo bevata mirehitsy afo ao ndrozy, ze hisy ty fitania noho ty fikotsohan-ký. ⁴³Bakeo hipiriaky manahaky ty masoandro amy ty fanjaka ty Baban-drozy ao ty olo-marina. Ze manan-tsofy, engao ie hijanjy. ⁴⁴Ty fanjaka ty lanitsy ro manahaky ty hanana ze tsy hita amy baibo raiky ao. Nisy lahilahy nahita zay sady navony. Nandeha tamy ty hafaleany ie, namarotsy ze iaby nananany, sady nivily baibo io. ⁴⁵Sady koa, ty fanjaka ty lanitsy ro manahaky ty lahilahy ze mpamarotsy mila voangy sarotsy vily. ⁴⁶Lafa nahita voangy raiky ze tena sarotsy vily ie, le nandeha ka le namarotsy ze iaby nananany ka le nivily zay. ⁴⁷Sady koa, ty fanjaka ty lanitsy ro mahahaky ty harato ze natoraky tan-driaky any, sady namory karazan-draha-manan'ay iaby rey. ⁴⁸Lafa atsiky zay, le nisintony mpihaza rey ho amy sisin-driaky eo rey. Bakeo rozy nipetsaky ka le namory raha soa rey ho amy ty fipetsahany ao, fa raha tsy ilà rey koa narian-drozy. ⁴⁹Hanahaky zay amy ty fihafara ty tany iaby toy. Ho avy anjely rey sady hampisaraky ty raty fanahy amy marina rey. ⁵⁰Hatorakin-drozy amy ty fandoroa bevata mirehitsy afo ao ndrozy, ze hisy ty fitania noho fikotsohan-ký. ⁵¹Azonareo va raha iaby zay?" Hoy mpianatsy reh taminy hozao: "Eka." ⁵²Bakeo Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Laha zay ty mpanora-dalà iaby ze nanjary mpianatsy amy ty fanjaka ty lanitsy eo ro manahaky ty lahilahy tompon-tsano raiky, ze mampiboaky raha fa ela rey noho raha vaovao rey baka amy ty hananany ao." ⁵³Bakeo lafa nahavita fanohara rey Jesosy, le niala tamy toera zay le. ⁵⁴Bakeo Jesosy nilitsy tamy ty taniny manoka ao sady nampianatsy olo lako rey tamy ty synagogan-drozy ao. Vokatsy zay le jilo rozy sady nivola hozao: "Baka aia ro ahazoa lahilahy toy ty fahendreny noho hatsereha rey?" ⁵⁵Tsy lahilahy io va ro ana azy mpandrafitsy iny? Tsy Maria va ro hikaiky ty reniny? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, sady Jodasy va ro rahalahiny? ⁵⁶Tsy miaraky amintsika va anabaviny iaby rey. Baka aia ro nahazoany raha iaby rey?" ⁵⁷Neloky noho ty aminy rozy. Fa hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Tsy misy to-resaky tsy misy hajany laha tsy amy ty fireneny ao noho amy ty longony ao avao." ⁵⁸Tsy le nana hatsereha vey tao le noho ty tsy finoan-drozy.

Chapter 14

¹Tamy fotoa zay, Heroda mpanjaka nahar ty vaovao mikasiky an'i Jesosy. ²Hoy ie tamy mpiasany rey hozao: "I Jaona mpanao batisa zay; nitsanga tamy ty maty ie. Laha zay le miasa aminy ao hery rey." ³Fa Heroda nanambotsy an'i Jaona, namehy azy, sady nandefa azy tan-tsano maiky any noho i Herodiasy, valy i Filipino rahalahiny. ⁴Fa hoasa Jaona taminy hozao: "Tsy ara-dala ho ahy nao ty mana azy ho valinao." ⁵Naniry ty hamono azy Heroda, fe natahotsy olo lako rey ie, sady nirambesin-drozy manahaky ty olo to-resaky ie. ⁶a lafa niavy ty fiavia ty andro nahareta i Heroda, le nisindraky tanivo vahiny rey eo vahiny nala ty anak'ampela i Herodiasy ka le nitea an'i Heroda. ⁷Ho setsy zay, le nampanantena tamy ty fiaina ie ty hanome ze hangatahiny ndra ino ndra ino. ⁸Lafa baka nitoroa ty reniny mariky, le hoy ie hozao: "Ameo ahy eto, anabo ty lovia, ty loha i Jaona mpanao Batisa." ⁹Nalahelo mare noho ty fangatahany ty mpanjaka, fe noho ty voaliny noho iaby nihina niaraky taminy rey, le nanome beko ie fa tokony ho vita zay. ¹⁰Naniraky ka nanapaky ty loha i Jaona tan-tsanomaiky ao ie. ¹¹Bakeo nandesy tamy ty lovia ty lohany sady namea ajam-pela iny sady nandesiny tamy ty reniny eo zay. ¹²Bakeo le niavy mpianatsiny rey, nangalaky faty iny, sady nandevy zay. Tafara zay, le nandeha ndrozy sady nivola tamy i Jesosy. ¹³Sady lafa nahare zay Jesosy, le niala baka amy laka raiky eo ie hana amy toera mitoka raiky any. Lafa nahare zay olo lako rey, le nanoriky Azy an-tombony baka amy tanà-bevata rey any. ¹⁴Bakeo Jesosy nana alohan-drozy eo sady nahita olo lako maré bibiky rey. Nangoraky androzy le sady nanafaky ty aretin-drozy. ¹⁵Lafa niavy ty hariva, le nana aminy eo mpianatsy ret sady nivola hozao: "Toy ro toera avao, sady fa tapitsy sahady ty andro. Alefaso olo lako rey, mba hafahan-drozy mandeha amy tanà any sady hivily hany ho ahy ty vatan-drozy." ¹⁶Fa Jesosy nivola andro hozao: "Tsy mila mandeha lavitsy rozy. Ameanareo raha hany rozy." ¹⁷Hoasan-drozy taminy hozao: "Mofo limy noho hazandrano roe avao ro hanananay eto." ¹⁸Hoasa Jesosy hozao: "Andeso amiko etoa zay." ¹⁹Bakeo Jesosy nibeko olo lako rey mba hipetsaky amy ty boka eo. Nalany mofo limy rey noho fia roe. Niandrandra tandanitsy any, le nisaotsy le sady mpianatsy, sady mpianatsy rey nanome zay ho ahy ty olo lako. ²⁰Nihina iaby ie iaby sady vintsy. Bakeo le navorin-drozy ty sisypotin-kany kable nahatsiky folo roa amby sobiky. ²¹Tamy ty limy arivo lahy eo nihina rey, hafa tsy aja ampela. ²²Direkita le nalanay nana amy ty laka ao sady nandeha hitariky Azy ho amy sisiny eny mpianatsiny rey, laha mbo nandeha olo lako rey le. ²³Tafara ty nandefasany olo lako rey, le nandeha niakatsy tambohitsy eny le raiky mba hivavaky. Lafa niavy ty hariva, le raiky ro teo. ²⁴Sady ty sambo ro fa nandeha lavitsy ty fanety, natopatopa ty onja, safe niala nanohitsy androzy ty tsioky. ²⁵Tamy ty fiembena faha efatsy ty haliky ro namonjy androzy Jesosy, nandeha tanabo riaky eny. ²⁶Lafa nahita Azy nandeha tanabo riaky eny mpianatsy rey, le natahotsy ka le nivola hozao: "Angatsy io," sady le nikorakoraky tamy tahotsy ndrozy. ²⁷Fa Jesosy nivola tamin-drozy direkita hozao: "Mahareza! Zaho toy! Ka matahotsy." ²⁸Namaly Azy Petera ka le nanao hozao: "Tompo, laha Iha io, le anovo mamonjy Anao anabo ty rano eny zaho." ²⁹Hoasa Jesosy hozao: "Mamonjea" Ka le niala baka amy ty laka ao Petera sady nandeha tanabo rano eny mba hamonjy an'i Jesosy. ³⁰Fa lafa nahita ty tsioky Petera, le nanjary natahotsy. Laha nanomboky nilentiky iny ie, le nikoraky mare ie sady nivola hozao: "Tompo, vonjeo zaho!" ³¹Direkita Jesosy le nanampatsy ty tanany, nitandraky an'i Petera, sady nivola taminy hozao: "Iha kelikely finoa a, fa manino iha ro niahiahy?" ³²Bakeo Jesosy noho Petera nandeha namonjy ty laka, nijano niala ty tsioky. ³³Bakeo mpianatsy tanay laka ao rey nanompo an'i Jesosy sady nivola hozao: "Iha marina ro Anan-Janahary." ³⁴Lafa baka nianapaky ndrozy, le niavy tan-tany Genesareta eny ao. ³⁵Lafa nahay an'i Jesosy lahilahy rey tamy toera zay, le nandefa hafatsy famy ty faritsy miodidy ao iaby, sady nandesin-drozy Taminy eo ze olo narary iaby. ³⁶Nangataky Taminy ndrozy mba hafahan-drozy mikasiky ty sisin'akanjony avao, sady lako nikasiky rey zay ka le afaky.

Chapter 15

¹Bakeo nisy Fariseo noho mpanora-dalà ilany baka Jerosalema any namonjy an'i Jesosy. Hoasan-drozy hozao:

²"Nanino mpianatsinao rey ro mandika ty fomban-draza zoky olo rey? Fa tsy manasa ty tanany ndrozy aloha ty hihina." ³Namaly Ie sady nivola tamin-drozy hozao: "Ka le nanino sady nareo ro mandika ty lalàn-Janahary noho ty fomban-drazanareo." ⁴Fa Njanahary nivola hozao: 'Hajao ty babanao noho reninao', sady 'Ze mivola raty ty babany ndra ty reniny, ro ho maty vatany.'" ⁵Fa nareo mivola hozao: 'Ndra ino ndra ino fanampea ze azonareo baka amiko le fanomeza ho an-Janahary amy zao,'" ⁶olo zay ro tsy mila manaja ty babany. Amy fomba zay ro naravanareo ty safan-Janahary noho ty tombontsoa fomban-drazanareo rey. ⁷Mpihatsaravelatsihy! Marina ty resan'Isaia mikasiky anareo laha nivola ie hozao: ⁸"Olo lako toy ro manaja ahy amy ty sonin-drozy, fa ty fon-drozy ro lavitsy ahy. ⁹Tsy misy dikany ty fanompoa ahy, safe ndrozy mampianatsy ty lilin'olombelo manahaky ty fampianaran-drozy." ¹⁰Bakeo nikaiky ty olo lako ho Aminy eo Ie sady nivola tamin-drozy hozao: "Mijanina ka le mahazo - ¹¹Tsy ty militsy ambava ty olo ao ro mandoto ty olo. Fa koa, ze aboaky ty vava, ro mzdoto ty olo." ¹²Bakeo namonjy mpianatsy rey sady nivola tamy i Jesosy hozao: "Moa va hainao fa meloky Fariseo rey noho ty nahareza ty safa zay?" ¹³Jesosy namaly ka le nivola hozao: "Raha-mitiry ze tsy nambolé Babako iny rey an-danitsy any ro ho ombota iaby. ¹⁴Engao ndrozy ho eo, ndrozy ro mpitariky Jiky. Laha misy olo jiky raiky mitariky jiky raiky hafa, le samby hivary an-kady ndrozy." ¹⁵Petera namaly ka le nivola tamy i Jesosy hozao: "Hazavao aminay fanohara zay." ¹⁶Hoy Jesosy hozao: Tsy manam-pahaiza avao koa va nareo?" ¹⁷Tsy hitanao va fa ze militsy amy ty vava ro mandeha an-tsarotso ao sady bakeo le haboaky zmy ty lava-piringa any?" ¹⁸Fa raha ze aboaky ty vava rey ro baka amy ty fo. Iaby rey ro nandoto ty olo raiky. ¹⁹Fa baka amy ty fo ro iboaha ty sain-draty, ty vono olo, ty heriloha, ty fangalam-bzlin'olo, ty halatsy, ty fitsangana vavolombelo tsy marina, sady fivolana-raty. ²⁰Raha rey ro mandoto ty olo raiky. Fa ty mihina amy ty tana tsy miasa ro tsy mandoto ty olo raiky." ²¹Bakeo Jesosy niala teo ka le nimpoly tamy ty fqritany i Tyro noho Sidona any. ²²Ingo, nisy ampela Kananita raiky baka amy faritsy zay. Nikaiky mare ie sady nivola hozao: "Mamalo fo amiko, Tompo e, Ana i Davida e! Ty anak'ampelako ro ampijalea ty devoly maré." ²³Fa Jesosy tsy namaly safa azy. Namonjy mpianatsiny rey kanle nangataky Taminy, nanao hozao: "Roaho ie, fa mikorakoraky maré amintsika. ²⁴Fa Jesosy namaly sady nivola hozao: "Tsy nirahy ho an'ia ndra ia Zaho hafa-tsy ho ahy ty aondry tsobo amy ty longon'Israely ao." ²⁵Fa niavy nangataky noho nandohaliky tanilany eo ie, nanao hozao: "Tompo, vonjeo zaho." ²⁶Namaly Ie ka le nanao hozao: "Tsy rariny laha ala ty mofon'aja ka le atoraky ho ahy ty alika." ²⁷Fa hoy ie hozao: "Eka, Tompo, fa ndra le ty zlika aza mba mihina ze tapany atsaky baka amy ty latabatsy ty tompony." ²⁸Le namaly Jesosy sady nivola taminy hozao: "Ampela a, bevata ty finoanao; ho tanteraky aminao lahy zay mahahaky ze irinao." Le afaky ty anak'ampelany tamy lera zay. ²⁹Niala teo Jesosy ka le nandeha anila ty riaky Galilia eny. Bakeo le niakatsy tam-bohitsy raiky eny Ie ka le nipetsaky teo. ³⁰Olo lako mare ro namonjy Azy. Nandesin-drozy niarakany tamin-drozy ty mandrava, ty jiky, ty moa, ty kolatsiky, sady marary lako hafa koa. Napetsakin-drozy tan-tombo i Jesosy eo rey; ka le nafahany. ³¹Ka le jilo ty olo lako laha nahita moa mivola rey, ty kolatsiky afaky, ty kombo afaky mandeha, sady ty jiky mahita. Nandrengy ty Njanaharin'Israely ndrozy. ³²Nikaiky mpianatsiny rey mba hamonjy Azy Jesosy sady nivola hozao: "Mangoraky olo lako rey Zaho, safe fa telo andro sahady ndrozy ro nipetsaky telo andro sahady ndrozy ro nipetsaky niarakany tamiko nefa tsy manan-ko hany. Tsy ta handefa androzy tsy mihina Zaho, fa mety ho tsipiky an-dala eny." ³³Hoy mpianatsy rey Taminy hozao: "Aia ro hahitanay mofo mety noho ampy olo lako mare bibiky rey ambaliky atoy?" ³⁴Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Mofo firy ro aminareo any?" Sady hoasan-drozy hozao: "Fito, noho fia maliniky tsy ampy." ³⁵Bakeo Jesosy nibeko ty olo lako mba hipetsaky amy ty tany. ³⁶Nandramby ty mofo fito mbamy ty fia Ie, sady lafa nisaotsy, le namaky ty mofo ka le nanome rey ho ahy mpianatsy rey. Mpianatsy rey nanome ho ahy ty olo lako. ³⁷Nihina ka le afa-po ty olo lako iaby. Bakeo ndrozy namory sobiky fito atsiky tapatapany ze tsy lany. ³⁸Ze nihina rey ro efatsy arivo lahilahy, tsy anainy ao ty aja am-pela. ³⁹Bako Jesosy nampoly ty olo lako ka le niondra an-daka sady le nana amy ty faritsy i Magadana. any.

Chapter 16

¹Niavy Fariseo noho Sadoseo rey sady nitsapa Azy ka le nangataky Azy mba hampitoro androzy fahaiza baka an-danitsy any. ²Fa Ie namaly sady nivola androzy hozo: "Lafa hariva, le hoasa nareo hozo: 'Ho soa ty andro, fa mena ty lanitsy.'" ³Lafa maray, le hoasa nareo hozo: 'Ho soa ty andro, fa mena noho mandrombo ty lanitsy.' Hainareo ty mahay ty endriky ty lanitsy, fa nareo tsy afaky mandika fahaiza ty fotoa rey. ⁴Ty tariha raty noho mpaheriloha ro mila fahaiza, fa tsy hisy fahaiza hamea azy ankoatsy ty fahaiza i Jona." Bakeo Jesosy niala androzy ka le nandeha. ⁵Lafa niavy tamy sisiny eny mpianatsy rey, le halinon-drozy ty nanday mofo. ⁶Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "mihomana sady miembena amy ty masirasira Fariseo noho Sadoseo rey." ⁷Nialy hevitsy mpianatsy rey ka le nivola hozo: "Laha tsika tsy nanday mofo zay." ⁸Jesosy nahay zay ka le nivola hozo: "Nareo kelikely finoa a, nanino nareo ro nialy hevitsy aminareo ka le mivola fa noho ty tsy nandaisanareo mofo zay?" ⁹Mbo tsy hainareo ndra tiaronareo va ty mofo limy ho ahy ty dima arivo, sady sobiky firy ro navorinareo? ¹⁰Ndra mofo fito rey ho efatsy arivo, sady sobiky firy ro nalanareo? ¹¹Manino ro tsy ahazoanareo fa tsy mikasiky ty mofo ro volaniko anareo? Mihomana sady miembena amy ty masirasira Fariseo noho Sadoseo rey." ¹²Bakeo azon-drozy fa tsy hiemby amy ty masirasira ty mofo ro nivolaniny androzy, fa hiemby ty amy ty fampianara Fariseo noho Sadoseo rey. ¹³Sady lafa niavy tamy ty faritsy mariny ty Kaisaria-filipo Jesosy any, le nanontany mpianatsiny rey Ie, manao hozo: "Anovy ty olo ho ia moa ty Anan'Olo?" ¹⁴Hoasan-drozy hozo: "Ty ilany mivola fa Jaona mpanao batisa; ty ilany, Elia; sady hafa rey, Jeremia, ndra raiky amy mpianatsiny rey." ¹⁵Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Fa nareo koa manao Ahy ho ia?" ¹⁶Namaly, Simona Petera nanao hozo: "Iha ro Kristy, Ana Njanahary velo iny." ¹⁷Namaly Jesosy ka le nanao taminy hozo: "Sambatsy iha, Simona Bar-Jona a, fa tsy ty nofotsy noho lio ro nanoro zay taminao, fa ty Babako ze an-danitsy any. ¹⁸Ambarakoaminao avao koa fa iha ro Petera, sady anabo lafiam-bato toy ro hamboarako ty egiliziko. Ty vavahdy ty lolo ro tsy haharesy zay. ¹⁹Hameako anareo ty lakile ty fanjaka ty lanitsy. Ndra ino ndra ino fehezinao anabo ty tany eto le ho feheziko an-danitsy any, sady ndra ino ndra ino vahanao an-tany eto le ho vaha an-danitsy any." ²⁰Bakeo Jesosy nibeko mpianatsy rey fa ndrozy ro tsy tokony hivola ndra amin'ia ndra amin'ia fa Ie ro Kristy. ²¹my fotoa zay Jesosy nanomboky nivola mpianatsiny rey fa tsy maintsy ho a-;Jerosalema any Ie, hizaka fijalea lako an-tana ty olo-bey noho ty loha ty mpisoro eo sady mpanora-dalà rey, ho vonoe, noho hantsanga kndraiky amy ty andro fara telo. ²²Bakeo Petera nangalaky Azy ka le nivola mare Azy, manao hozo: " Ho lavitsy anao lahy zay, Tompo e; tsy hitsanga aminao mihintsy lahy zay." ²³Fa Jesosy nitoliky ka le nivola tamy i Petera hozo: "Mialà andabosiko any, Satana a! Iha ro mampeloky ho Ahy, noho iha tey midary rahan-Janahary rey, fa raha ty olo rey." ²⁴Bakeo Jesosy nivola tamy mpianatsiny rey hozo: "Laha misy ta-hanoriky Ahy, ke tsy maintsy mandá ty safany ie, handay ty hazofijaleany, sady manoriky Ahy. ²⁵Fa ndra ia ndra ia ta-hamonjy ty ainy le hahatsobo azy, sady ndra ia ndra ia ro hahatsobo ty ainy noho ty amiko, le hahazo zay. ²⁶Fa ino moa ro soa ho azo ty olo laha mahazo tany iaby toy nefa tsobo ty ainy? Ino ro amea ty olo ho takalo ty ainy?" ²⁷Fa ty Anak'Olo ro ho avy amy ty voninahitsy ty Babany miarakany amy anjeliny rey. Bekeo Ie hamaly soa ty olo kirai-draiky manahaky ze vitany. ²⁸Ambarako aminareo marina, fa misy ilany aminareo ze mitsanga eto ro tsy hitsapa ty fahafateza ziaiky hahitan-drozy ty Anak'Olo niavy amy ty fanjakany."

Chapter 17

¹Enin'andro tafara tato Jesosy le nangalaky an'i Petera, Jakoba, noho Jaona rahalahiny niaraky taminy, sady nanday androzy niakatsy ty vohitsy abo tamy ty vatan-drozy. ²Niova endriky talohan-drozy eo Ie. Nipitiaky manahaky ty masoandro ty vatany, sady fisikinany rey nanjary nipiriaky manahaky ty hazava. ³Ingo, niiboaky tamin-drozy Mosesy noho Elia niresaky taminy. ⁴Namaly Petera sady nanao tamy i Jesosy hozao: "Tompo, soa amintsika ty eto. Laha enkenao, le hanao fialona telo ho antsika eto zaho - raiky ho ahy nao, raiky ho an'i Mosesy, sady raiky ho an'i Elia." ⁵Laha mbo nivola Ie, ingo, nisy raho mazava nampisaro androzy, sady ingo, nisy feo niiboaky baka amy ty raho ao, nanao hozao: "Toy ty Anako teako, ze enkeko vatany. Janjino Ie." ⁶Lafa re mpianatsy rey zay, le lavo ndrozy sady natahotsy mare. ⁷Bakeo tamy Jesosy sady nikasiky androzy ka le nivola hozao: "Mitsangana sady ka matahotsy." ⁸Bakeo le nanenty ambony ndrozy fa tsy nahita ndra ia ndra ia hafa-tsy Jesosy raiky avao. ⁹Laha nijotso ty vohitsy ndrozy, le nibeko androzy Jesosy, nanao hozao: "Ka manesy fahita zay ndra amin'ia ndra amin'ia zisiky-hitsangana ty Anak'Olo amy ty maty." ¹⁰Nanontany Androzy mpianatsiny, nanao hozao: "Nanino sady mpanora-dalà rey ro mivola fa Elia ro tsy maintsy ho avy aloha any?" ¹¹sosy namaly sady nivola hozao: "Elia ro ho avy vatany sady hamary amy velohany ty raha iaby." ¹²Nefa ambarako aminareo, fa niavy Elia, fa ndrozy tsy nahay azy. Mifanohitsy amy zay, nanao ty raha iaby ze teany nanovy taminy ndrozy. Sady manahaky zay avao koa, ty Anak'Olo avao koa ro hijaly an-tanan-drozy eo. ¹³Bakeo le azo mpianatsy rey fa nivola tamin-drozy ty mikasiky an'i Jaona mpanao Batisa Ie. ¹⁴Lafa niavy tamy ty olo lako eo ndrozy, le nisy lahilahy raiky namonjy Azy, nandohaliky talohany eo, sady nivola hoe, ¹⁵"Tompo, manà famalozam-po amy ty anakilahiko, fa voa ty androbe ie sady mijaly mare. Fa lavo san'andro anay afo ndra rano any ie." ¹⁶Nanday azy tamy mpianatsinao rey eo zaho, fa tsy afaky nanafaky azy ndrozy." ¹⁷Namaly Jesosy sady nivola hozao "Tariha tsy mpino noho simba toetsy rey, zisiky-ombia ro tokony hipetsahako miaraky aminareo? zisiky-ombia ro tsy maintsy izakako miaraky aminareo? Andeso amiko eto ie." ¹⁸Nivola mare ty demonia Jesosy, ka le niiboaky taminy zay sady le afaky tamy lera zay aja lahilahy iny. ¹⁹namonjy an'i Jesosy milamy mpianatsy rey sady nanao hozao: "Manino ro tsy nahavita nampiboaky an'iny zahay?" ²⁰Jesosy nivola androzy hozao: "Laha ty finoa kelikelinareo. Fa volaniko aminareo marina, laha mana finoa ndra le kelikely manahaky ty voatsinapy aza nareo, le afaky mivola amy vohitsy toy nareo hozao: 'Mifaloza baka eto ho eroy,' le hifalo zay sady tsy hisy ndra ino ndra ino tsy ho hainareo ovy." ²¹²²Laha nipetsaky ta Galilia any ndrozy, le hoy Jesosy tamy mpianatsiny rey hozao: "Ty Anak'Olo ro hamea an-tana ty olo eo, ²³sady ndrozy hamono Azy, sady ty andro faha telo ro hatsznga Ie." Nanjary nalahelo tanteraky mpianatsy rey. ²⁴Lafa niavy ta Kapernaomy any ndrozy, le nana amy i Petera eo lahilzhy ze namory ty haba antsasaky ty sekely rey sady nivola hozao: "Tsy mandoa ty haba antsasaky ty sekely va ty mpampianatsinareo?" ²⁵Hoy ie hozao: "Eka." Fa lafa nilitsy tan-tsano Petera ao, ke Jesosy aloha ro niresaky taminy ka le nanao hozao: "Ino ro eritseritsinao, Simona a? Mpanjaka an-tany eto rey, baka amin'ia ro andrambesan-drozy haba ndra haban'olo? Baka amy olo lakony rey va sa baka amy vahiny rey?" ²⁶Lafa nivola Peteara hozao: "Baka amy vahiny rey," Le hoasa Jesosy taminy hozao: "Le afaky amy ty fandoava olo lako rey zay. ²⁷Fa mba tsy hampanontantsika ty mpamory haba, le mandehana amy ty riaky any, manoraha fitana ao, sady alao ty fia ze miakatsy velohany. Lafa voa vohanao ty vavany, l hahita sekely iha. Alao zay sady ameo mpamory haba rey ho Ahy noho ho ahy nao."

Chapter 18

¹Tamy fotoa zay avao ro niavy tamy i Jesosy eo mpianatsiny rey sady nivola hozao: "Ia ro bevata bibiky amy ty fanjaka ty lanitsy any?" ²Jesosy nikaiky aja kelikely ho aminy eo, nampipetsaky azy tamin-drozy eo, ³sady nivola hozao: "ambarako aminareo marina, fa laha tsy miova manahaky ty aja kelikely nareo, le tsy hisy hevitsy ty hiliranareo amy ty fanjaka ty lanitsy any." ⁴Laha zay, ndra ia ndra ia manetsy tena manahaky aja kelikely toy ro bevata bibiky ie amy ty fanjaka ty lanitsy any. ⁵Ndra ia ndra ia mandramby ty aja kelikely manahaky zao amy ty anarako le mandramby Ahy. ⁶Fa ndra ia ndra ia mahavy ty raiky amy aja kelikely reto ze mino Ahy hanota, le ho soa vatany ho azy ty hiantona ty fikosham-bary bevata amy ty vozony eo, ka le halentiky amy ty riaky laliky any ie. ⁷Loza ho ahy ty tany iaby toy noho ty fotoa ty fanafitoha! Fa ilany ty ahavia fotoa zay, nefa loza ho ahy ty olo ze niavia fotoa zay! ⁸Laha mitetiky fanafitohina ho anao ty tananao ndra ty tombonao, le tapaho zay safy esory aminao eo. Soa vatany ho anao ty militsy kolatsiky ndra mandrava amy ty fiaina zisiky farany any nono ty ho tsobo amy ty afo tsy mety maty any amy ty fanana tana roe ndra tomboky roe. ⁹Laha miteraky fanafitohina ho anao ty masonao raiky, homhota zay sady alao aminao eo. Soa vatany ho ahy nao ty militsy amy ty fiaina zisiky farany any miaraky amy ty maso ila nohl ty hoe tsobo amy ty afo tsy mety maty any miaraky amy ty maso roe. ¹⁰Embeno tsy hanao tsinotsino aja maliniky rey nareo. Fa mivola aminareo Zaho fa an-danitsy any anjelin'ny rey ro manenty avao ty endriky ty Babako ze an-danitsy any. ¹¹¹²Ino ro eritserinareo? Laha misy mana aondry zato, ka le mana amy ty lalan-diso any ty raiky amin-drozy, le tsy hiala ty sivampolo sivy amby amy ty avoana eo va ie sady handeha hiaroky azy raiky ze nana amy ty lala-diso any? ¹³Laha hitany zay, le volaniko aminareo marina, fa mifaly amy zay mandilatsy noho sivampolo sivy amby ze tsy nana amy ty lala-diso any ie. ¹⁴Manahaky zay avao koa, tsy enke ty Babanareo an-danitsy any ty haha tsobo ty raiky amy maliniky rey. ¹⁵Laha manota aminao ty rahalahinao, mandeha sady ambarao azy ty hadisoany, aminao noho ie raiky avao. Laha mijanjy anao ie, le hifankahazo amy ty rahalahinao ndraiky iha. ¹⁶Nefa laha tsy mijanjy anao ie, le mangalà raiky ndra roe hafa miaraky aminao, amy zay mba amy ty vava vavolombelo roe ndra telo rey ro hafaha manamary ty safa iaby. ¹⁷Sady laha mandà ty hijanjy androzy ie, le volano amy ty egilizy ty raha-mitsanga. Laha tsy manenky hijanjy ty egilizy avao koa ie, le engao ie ho manahaky ty Jentilisa noho ty mpamory haba. ¹⁸Ambarako aminareo marina, ndra ino ndra ino fehezinareo an-tany eto le ho fehezy an-danitsy any; sady ndra ino ndra ino enganareo an-tany eto le ho voa enga an-danitsy any. ¹⁹Le mbo volaniko aminareo ndraiky hozao: "Laha misy roe aminareo manenky an-tany etoy ty amy ze iaby angatahan-drozy, le hanovy ho androzy zay amy ty alala ty Babako ze an-danitsy any. ²⁰Fa ndra aia misy roe ndra telo miara-mivory amy ty Anarako, le anivon-drozy eo Zaho. ²¹Bakeo namonjy Petera sady nivola tamy i Jesosy hozao: "Tompo, impiry hanota amiko ty rahalahiko ka le hanenga azy zaho? Zisiky amy ty im-pito va?" ²²Jesosy nivola azy hozao: "Tsy mivola aminao Zaho hozao im-pito, fa zisiky amy ty fitopolo im-pito. ²³Laha zay ty fanjaka ty lanitsy ro mitovy amy ty mpanjaka raiky ze ta hifandamy ara-jala miaraky amy ty mpiasany. ²⁴Laha vo nanomboky ty fandamina ie, le nisy mpiasa raiky nandesy taminy eo ze nananany talenta ray aly. ²⁵Fe satsia tsy nana fomba handoava zay ie, le nibeko ty hamarota azy ty tompony, miaraky amy ty valiny noho anany rey sady ze nanany iaby, ka le ho vita ty fandoavan-tsosa. ²⁶ha zay le niondriky azy mpiasa iny, sady niondriky talohany eo, sady nivola hizao: 'Tompo, mana fahareta amiko, le haloako aminao ty raha iaby.' ²⁷Laha zay ty tompo mpiasa zay, le onena, ka le nanafaky azy safy nanenga ty tsosa taminy. ²⁸Fa niboaky mpiasa io ka le nahita ty raiky tamy mpiara-manompo aminy rey, ze nananany denaria zato. Nisamboriny ie, nirambesiny tamy ty vozony, sady nivola hozao: 'Aloavo amiko ze nitsosanao.' ²⁹Nefa niondriky mpiara-manompo aminy io sady nangataky taminy, nanao hozao: 'Manana fahareta amiko, le haloako aminao ndraiky.' ³⁰Nefa nandà mpiasa velohany iny. Mifanohitsy amy zay, nandeha ie sady nanoviny tam-pigadra any azy mpiara-manompo aminy iny zisiky-pandoavany aminy ze nitsosany. ³¹Lafa nahita ze niboaky mpiara manompo aminy rey, le nalahelo vatany ndrozy. Nandeha sady nivola tamy ty tompony ze iaby niboaky ndrozy. ³²Bakeo nikaiky azy ty tompo mpiasa io, sady nivola azy hozao: 'Iha mpiasa raty fanahy e, nanenga ty tsosa iaby taminao zaho safe iha nangataky tamiko. ³³Tsy tokony hana famalozam-po amy ty mpiara-manompo aminao va iha, manahaky ty nananako famalozam-po taminao?' ³⁴Neloky ty tompo sady nanday azy tamy mpampijaly rey any zisiky mahaloany ze iaby nitsosany. ³⁵Manahaky zay avao koa ro hanovy ty Babako an-danitsy any aminareo, laha tsy manenga ty rahalahiny amy ty fony ty kirai-draiky iaby aminareo."

Chapter 19

¹Sady lafa nahavita safa rey Jesosy, niala ta Galilia any Ie, sady nana amy ty faritsy i Jodia ze tamy sisysy ty renirano ty Jordana any.² Olo lako maré ro nanoriky Azy, ka le nanafaky androzy tany Ie.³ Namonjy Azy fariseo rey, nitsapa Azy, nivola taminy hozao: "Ara-dalà ho ahy ty lahilahy va ty misaraky amy ty valiny noho ze mety ho antony iaby?"⁴ Jesosy namaly sady nivola hozao: "Tsy nivakinareo va fa Ie ze nanao androzy tamy ty velohany ro nanao androzy ho lahilahy noho ampela?"⁵ Ie Ze nanao androzy le nivola avao koa hozao: "Fa laha dikany zay le hiala ty babany noho reniny ty lahilahu ka le hiharo amy ty valiny, sady hanjary nofotsy raiky ndrozy roe?"⁶ Ka le tsy ho roe sasy ndrozy, fa ho nofotsy raiky. Ka le ze naharon-Janahary, engao tsy hisy hampisaraky."⁷ Hoasandrozy taminy hozao: "Nanino zay Mosesy ro mibeko anay hanome taratasy fanamariham-pisarahy sady bakeo hampoly azy?"⁸ Hoy Ie tamy rey hozao: "Fa ty hampaherim-ponareo ro nanenga i Mosesy anareo hisaraky amy ty valinareo, fa tamy ty velohany ro tsy zay ro fomba."⁹ Volaniko anareo, ndra ia ndra misaraky amy ty valiny, hafa-tsy noho ty heriloha, ka le manambaly hafa, le manitsakitsa-baly; sady ty lahilahy manambaly ampela ze fa nisara-baly le maheriloha."¹⁰ Mpianatsy rey nivola tamy i Jesosy hozao: "Laha zay ro toetsy ty lahilahy amy ty ampela, le tsy soa ty manambaly."¹¹ Fa Jesosy nivola tamy rey hozao: "Tsy ty aolo iaby ro afaky manenky fampianara zay, fa ze nanenga hanenky rey zay avao."¹² Fa misy ionoka ze fa manahaky zay rey zisiky antsarotson-drenin-drozy, sady misy ionoka ze nanovin'olombelo rey, sady misy ionoka ze manao tg vatan-drozy rey ho ionoka noho ty fanjaka ty lanitsy. Ie ze afaky mandramby fampianara zay, engao ie handramby zay."¹³ Bakeo nisy aja maliniky ilany nandesiny faminy eo mba hametsahany tana amin-drozy ka le hivavaky, fa nivola mare androzy mpianatsy rey."¹⁴ Fa hoy Jesosy hozao: "Engao ty aja maliniky, sady ka rarà ndrozy hampnny Ahy, safe ty fanjaka ty lanitsy le ahy ty manahaky androzy."¹⁵ Napetsakiny tamy ty aja rey eoty tanany, sady bakeo niala teo Ie."¹⁶ Ingo, nisy lahilahy namonjy an'i Jesosy sady nivola hozao: "Mzmpianatsy, Ino ro raha soa tsy maintsy anoviko mba hahazoako ty fiaina zisiky farany?"¹⁷ Jesosy nivola taminy hozao: "Nanino iha ro manontaany mikasiky ze soa amiko atoy? Raiky avao ro soa, fa laha ta-hilitsy amy fy fiaina any iha, le embeno lily rey."¹⁸ Hoy azy lahilahy iny taminy hozao: "Lily ino?" Le hoy Jesosy hozao: "Ka mamono olo, ka maheriloha, ka mangalatsy, ka mety vavolombelo diso,"¹⁹ hajao ty babanao noho ty reninao, sady tiavo ty mpiara-belo aminao manahaky ty vatanao."²⁰ Azy tovolahy iny nivola taminy hozao: "Fa nenkeny iaby iaby zay. Ino ro mbo ilako?"²¹ Jesosy nivola taminy hozao: "Laha mitiry ty hanenky iha, le mandeha, avilio ze anananao, sady ameo ty mijaly, ka le hana hanana an-danitsy any iha; sady avia, manoriha Ahy."²² Fa lafa naharé ze nivolany i Jesosy azy zatovo iny, le niala tamy alahelo ie, safe nana fznana lako."²³ Hoy Jesosy tamy mpianatsy rey hozao: "Volaniko marina aminareo, sarotsy ho ahy ty mpanan-kanana ty hilitsy ty fanjaka ty lanitsy."²⁴ Sady mbo volaniko aminareo ndraiky, mora vatany ho ahy ty rameva ty militsy amy ty fara ty fitsebiky noho ty ilira ty mpanankanana amy ty fanjakan-Janahary ao."²⁵ Laha nahare zay mpianatsy rey, le tena jilo vatany ka le nivola hozao: "Ia sady zay ro afaky ho vonje?"²⁶ Nanenty androzy Jesosy sady nivola hozao: "Amy ty olo le tsy hay anovy zay, fa amin-Janahary ty raha-iaby le azo anovy."²⁷ Bakeo Petera namaly sady nivola hozao: "Ingo, nenganay ty raha-iaby sady nanoriky Anao zahay. Ino moa ro ho azonay?"²⁸ Jesosy nivola androzy hozao: "Ambarako aminareo marina, amy ty vanim-potoa vaovao lafa mipetsaky amy ty seza fipetsaha ty voninahitsy ty Anak'Olo eo, le hipetsaky amy ty seza fipetsaha folo roa amby eo avao koa nareo ze nanoriky Ahy, hitsara foko folo roa amby ty Israely rey."²⁹ Ty olo iaby ze niala tsano, rahalahy, anabavy, baba, reny, anaky, ndra tany noho ty anarako, le handramby hitombo zato sady handova fiaina zisiky farany rey."³⁰ Fa lako ze velohany hanjary farany rey, sady ty farany ho velohany.

Chapter 20

¹Fa ty fanjaka ty lanitsy ro manhaky ty tompon-tany ze nandeha vo marain-dray bey hanakarama mpiasa ho ahy ty tanim-bolobokiny. ²Lafa baka nifanaraky tamy mpiasa rey ie fa hizara raiky isa'andro ty karaman-drozy, le nalefany tamy ty tanim-bolobokiny any ndrozy. ³Niboaky ndraiky ie tamy ty lera fahatelo sady nahita mpiasa hafa nitsanga tan-tsena eo. ⁴Hoy ie tamin-drozy hozao: 'Nareo koa, mandehana amy ty tanim-boloboky any, sady ze ankeviny marina ro hameako anreo.' Ka le nandeha niasa ndrozy. ⁵Mbo niboaky ndraiky ie teo ho eo amy ty lera faha eny sady koa tamy ty lera faha sivy, sady nanao manahaky zay avao. ⁶Tamy ty lera faha folo raiky amby ro niboaky inrdaiky avao koa ie sady nahita mpiasa hafa nitsanga. ⁷Hoy ie tamin-drozy hozao: 'Nanino nareo ro mitsanga eto anay ty andro raiky?' ⁸Lafa avy ty hariva, le hivola tamy ty mpiembin-draharahany ty tompo azy tanim-boloboky iny hozao: 'Kaihy mpiasa rey sady aloavo ty karaman-drozy, manomboky baka amy ty farany any mana amy ty velohany any.' ⁹Lafa avy mpiasa ze nala tamy ty lera faha folo raiky amby rey, le nahazo zara raiky iaby ndrozy kirai-draiky iaby ndrozy. ¹⁰Lafa avy mpiasa velohany rey, le nihevitsy fa hahazo mandilatsy ndrozy, nefa ndrozy avao koa ro nahazo zara raiky kirai-draiky iaby. ¹¹Lafa naharamby ty karamany ndrozy, le nitoreo mikasiky azy tompon-tany iny ndrozy. ¹²Hoasan-drozy hozao: 'Mpiasa farany rey ro niasa kera rraiky avao, nefa le nampitovizinao taminay ndrozy, zahay ze nisaka ty vesatsy ty andro raiky noho niaritsy hafana.' ¹³Fa namaly azy tompon-tany iny ka le nivola tamy ty raiky tamin-drozy hozao: 'Nama, tsy manao ze tsy mety aminao zaho. Tsy zara raiky va ro nifanarahanao tamiko?' ¹⁴Rambeso ze anao sady zoro ty lalanao. Zaho ro nitingy hanome ho an'i mpiasa nikarama farany manahaky ty anao avao rey. ¹⁵y manan-jo hanao manahay ze teako my zay va zaho? sa mialona va nareo safe malalan-tana zaho?' ¹⁶Ka le ty farany." [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha soa bibike ro mangalaky ty hozao: "Lako ronikaihe fa tsy ampy ty voatingy." ¹⁷Laha hiala ho a-Jerosalema any Jesosy, le nangalaky ty folo roa amby tanilany eo le, sady tan'dala eny le nivola tamin-drozy hozao: ¹⁸"Ingo, hiakatsy ho a-Jersalema any tsika, sady ty Anak'olo ro hanome amy ty loha ty mpisoro rey noho mpanora-dala rey eo. Ndrozy ro hanasazy Azy ho maty. ¹⁹sady hanome Azy amy Jentilisa rey mba hiheheza, ho vangoe, sady hotomboha Azy amy ty hazofijalea. Fa amy ty andro faha telo ro hatsanga ndraiky le." ²⁰Bakeo ty reny ty anakilahy i Zebedio rey namonjy an'i Jesosy niaraky tamy anakilahiny rey. Nandohaliky tanilany eo ie sady nangataky raha baka Aminy. ²¹Hoy Jesosy taminy hozao: "Ino ro irinao." Hozao ie taminy: "Mibekoa mba hipetsaky anakilahiko roe lahy reto, ty raiky an-tananao ankavana eo sady ty raiky an-tananao ankavia eo, amy ty fanjakanao ao." ²²Fa Jesosy namaly sady nivola hozao: "Tsy hainareo ty raha angatahinareo. Afaky ty hino ty kapoaky ze hinomy va nareo." Namaly ndrozy hozao: "Afaky zahay." ²³Hoy le tamin-drozy hozao: "Hino ty kapoakiko vatany nareo. Fa ty hipetsaky antanako ankavanako noho ankaviako eo ro tsy anjarako ro manome, fa ahy ze fa niomany Babako rey." ²⁴Lafa nahare zay mpianatsy folo lahy hafa rey, le neloky mare tamy mpirahalaky roe rey. ²⁵Fa Jesosy nikaiky androzy nana aminy eo sady nivola hozao: "Hainareo fa mpanapaky ty Jentilisa rey ro hanasazy androzy, sady lahilahy manan-danja-drozy rey ro hanao ty fahefany amin-drozy eo. ²⁶Fa tsy tokony hanahaky zay ty aminareo. Mifanohitsy amy zay, ndra ia ndra ia maniry ty hanjary bey aminareo le tsy maintsy ho mpiasanareo, ²⁷sady ndra ia ndra ia maniry ty ho velohany aminareo eo le tsy mintsy ho mpiasanareo, ²⁸manahaky ty Anak'olo tsy avy ho tompoe, fa hanompo, sady hanome ty ainy mba ho valim-panavota ho ahy ty lako." ²⁹Laha niboaky baka Jeriko eo ndrozy, le olo lako mare ro nanoriky Azy. ³⁰Nisy lahilahy jiky roe nipetsaky tamy sisin-dala eo. Lafa nahare fa nandalo Jesosy, le nikoraky mare ndrozy hozao: "Tompoe, anaky i Davida, mamaloza fo aminay". ³¹Nimeloky androzy ty olo lako, nibola androzy mba halaky, nefa vo maiky ndrozy nikaikaiky mare hozao: "Tompoe, anaky i Davida, mamaloza fo aminay." ³²Bakeo Jesosy nijano sady nikaiky androzy sady nivola hozao: "Ino ro irinareo hanoviko aminareo?" ³³Hoasan-drozy taminy hozao: "Tompoe, mba hahita ty masonay" ³⁴Bakeo Jesosy, nalahelo, ka le nikitiky ty mason-drozy. Direkita le nahita ndrozy sady nanoriky Azy.

Chapter 21

¹Laha namonjy an'i Jerosalema Jesosy noho ty mpianatsiny ka le nana Betifaga ao, am-bohitsy i Oliva any, le nandefa mpianatsy roe Jesosy, ²nivola tamin-drozy hozo: "Mandehana amy ze vohitsy manaraky ao, fa eo noho eo nareo le hahita boriky mifehy sady ana-boriky raiky miaraky aminy. Vahao ndrozy sady handeso amiko atoy. ³Laha misy mivola anareo mikasiky zay, le volano hozo: 'Misy ila ty Tompo androzy,' sady eo noho eo olo zay ro handefa androzy miaraky aminareo."⁴Sady nitsangavzay mba hahatanteraky ze nambara tamy ty alala ty mpianatsiny. Hoy le hozo: ⁵"Anambarao ty anak'ampela i Ziona hozo: 'Ingo, ty Mpanjakanao mamonjy anao, Mandefitsy sady miondra boriky- ana-boriky lahy."⁶Bakeo le nandeha mpianatsy rey sady nanao manahaky ze nibekoa i Jesosy androzy. ⁷Nandesin-drozy azy ampondra noho azy ana-boriky iny sady nampipetsaky ty sikin-drozy taminy eo rey, ka le nipetsaky tamy azy siky Jesosy iny eo. ⁸Ty halakoa ty olo lako ro namelatsy ty sikiny tamy ty tny, sady hafa rey nanapaky sampan-kazo sady nampiparitaky zay tamy ty lala.⁹Bakeo olo lako rey nitariky an'i Jesosy noho ze nanoriky azy nikorakoraky rey hozo: "Hosana ho ahy ty anaky i Davida! Isaora azy niavy baka amy ty anara ty Tompo iny! Hosana amy ty abo bibike any!" ¹⁰Lafa nilitsy ta Jerosalema any Jesosy, le nikoraky ty tanà raiky ka le nanao hozo: "Ia moa io?" ¹¹Namaly ty olo lako hozo: "Ie ro Jesosy azy to-resaky baka Nazareta a-Galilia any iny."¹²Bakeo nilitsy tan-degilizy ao Jesosy. Niroahiny iaby mpivily noho mpamarotsy tan-degilizy ao rey, sady navalikiny ty latabatsy mpanakalo jala rey noho ty fipetsaha mpamarotsy pizon rey. ¹³Hoy le tqmin-drozy hozo: "Fa voasoratsy hozo: 'Ty tsanoko ro ho kaihy hoe tsano fivavaha,' nefa anovinareo zohy fiereny ty Jiolahy."¹⁴Lafa bakeo le nisy jiky noho mandrava namonjy Azy eo tan-degilizy ao, ka nafahany rozy.¹⁵Fa lafa nahita ty raha-mahatseriky nanovy ty bey ty mpisoro noho ty mpanora-dala, sady lafa ren-drozy ty aja maliniky nikorakoraky tan-degilizy ao hozo: "Hosana ho ahy ty ana i Davida," le meloky mare ndrozy. ¹⁶Hoasandrozy taminy hozo: "Renareo va volany olo rey zay." Namaly androzy Jesosy hozo: "Eka! Fa tsy mbo nivakinareo mihintsy va ty hozo: 'Baka amy ty vava ty aja maliniky noho ty aja minono ro naha mety ty fanompoa nareo?" ¹⁷Bakeo niala androzy Jesosy ka le nandeha tamy ty tana i Betania any sady nipetsaky tao lafa haly.¹⁸Sady lafa maray lafa nimpoly tan-tana any ie, le mosary. ¹⁹Nahita hazon'aviavy tan-tsisin-dala dn6, le namonjy teny le sady tsy nahita ndra ino ndra ino teo hafa-tsy ty raviny. Hoy le taminy hozo: "Engao tsy hisy voa sasy baka aminao zisiky farany," sady niaraky tamy zay ro maiky aviavy any.²⁰Lafa nahita zay mpianatsy rey, le tseriky ndrozy sady nivola hozo: "Ino nahamaiky direkita aviavy toy?" ²¹Namaly Jesosy sady nivola androzy hozo: "Volaniko aminareo marina, laha manam-pinoa noho tsy misy fisalasala nareo, le tsy ze nanovy avao ro hanovinreo, fa ndra le hivola amy vohitsy toy aza hozo: 'miombotsy sady milavo an-driaky any', le hanovy zay.²²Ndra ino ndra ino angafahanareo am-bavaky, am-pinoa, le ho azonareo."²³Lafa nilitsy tan-degilizy ao Jesosy, le namonjy Azy ty bey ty mpisoro noho ty olo-bey lafa nampianatsy le sady nivola hozo: "Fahefa baka aia moa ro ananovanao raha reny, sady ia ro nanome anao fahefa zay?" ²⁴Namaly Jesosy sady nivola tamin-drozy hozo: "Hametsahako fanontanea raiky avao koa nareo. Laha volaninareo aminpko, leho volaniko aminareo ty fahefa anoviko raha reny."²⁵Ty batisa i Jaona - baka aia ro niaviany? Baka an-danitsy any sa baka amy ty olombelo any?" Nialy hevitsy ndrozy, nanao hozo: "Laha mivola tsika hoe, 'Baka an-danitsy any,' le hivola amintsika hozo: 'Fa nanino zany nareo ro tsy nino azy?' ²⁶Fa laha mivola tsika hozo: 'Baka amy ty olombelo', matahotsy ty olo lako tsika, safe ie iaby ro mihevitsy an'i Jaona manahaky ty olo to-resaky ". Ka le namaly an'i Jesosy ndrozy ka le nivola hozo: "Tsy hainay."²⁷Sady hoy avao koa le tamin-drozy hozo: "Zaho avao koa ro tsy hivola aminare hoe baka aia ty fahefa anoviko raha reny."²⁸Fa ino ty hevitsinareo? Nisy lahilahy raiky nana anakilahy roe. Nandeha nana amy azy velohany iny any ie sady nanao hozo: 'Anaky, mandehana miasa amy ty tanim-boloboky any androany.' ²⁹Azy anakilahiny iny namaly azy hozo: "Tsy ho any zaho," fa lafa bakeo niova hevitsy ie ke nandeha.³⁰Bakeo le nana amy azy faharie iny any ie sady nivola manahaky zay avao koa. Namaly ie ka le nivola hozo: "Ho any zaho, topoko,' nefa tsy nana any ie."³¹Ia tamy anany roe rey ro nanao ty sitsapo ty babany." Sady hoasan-drozy hozo: "Azy velohany iny." Jesosy nivola androzy hozo: "Volaniko aminareo marina, mpamory haba rey noho mpivaro-bata rey ro hilitry ty Fanjaka Njanahary alohanareo. ³²Fa Jaona namonjy anareo tamy tyfahamarina, fa tsy nino azy nareo. Fa mpamory haba noho mpamaro-bata rey nino azy. Fa nareo, ndra le nahita zay aza, le tsy nibebaky noho tsy nino azy."³³Janjino fanohara raiky hafa toy. Nisy lahilahy raiky, tompon-tany. Nanao tanim-boloboky ie, nivalanany zay, nandavahany famiaza tanainy ao, nampitsanga tilikambo, sady nampanofany tamy mpamboly rey voloboky. Bakeo le nana amy ty tanà hafa any ie. ³⁴Lafa nanariny ty taom-pamokara, le naniraky ty ilany tamy mpiasa rey ie ho amy mpamboly voloboky rey any hangalaky ty vokatsiny."³⁵Fa nisambory mpamboly voloboky rey mpiasany rey, nivangoany ty raiky, nivonony ty hafa, le mbo nitoraha vato ty hafa. ³⁶Sady mbo, nandefa mpiasany hafa ndraiky azy tompon-tany iny, lako noho ty tamy ty velohany, fa nanovin-drozy manahaky zay avao koa. ³⁷Tafara zay le naniraky ty anakilahiny raiky avao iny tamy ty tompon-tany tey any, nivola hozo:

'Hanaja ty anakilahiko ndrozy."³⁸Fa lafa nahita azy anakilahy mpamboly voloboky iny, le nifampiresaky ndrozy hozao: 'Toy ro mpandova. Andao, ho vononteika ie sady le halanteika ty lova.'³⁹Laha zay le nisamborin-drozy ie, natoraky tanay ty tanim-boloboky ao sady nivonony.⁴⁰Sady lafa avy ty tompo ty tanim-boloboky, ino ro hanoviny amy mpamboly voloboky rey? ".⁴¹Hoasan-drozy taminy hozao: "Ho ravany amy ze fomba mahery biby olon-doz rey, sady bakeo hampanofany amy mpamboly voloboky hafa rey ty tanim-boloboky, olo hanome azy ty anjara voliny amy ty fotoam-pamokara."⁴²Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Tsy mbo namaky ty Soratsy Masy mihintsy va nareo hozao: 'Ty vato tsy nenke ty mpamboatsy tsano ro nanovy vato fehizoro. Baka amy ty Tompo zay, sady mahajilo amasontsika eo?'⁴³Laha zay volaniko aminareo, hala aminareo ty fanjakan-Janahary sady hanome ty firenea ze mamokatsy voany rey.⁴⁴Ndra ia ndra ia ho lavo vato io le ho torotoro. Fa ze hilavoany koa ro ho torotoro."⁴⁵Lafa nahare fanoharany rey ty bey ty mpisoro noho Fariseo rey, le azon-drozy fa mikasiky androzy ro nisarahany.⁴⁶Naniry ty hanambotsy Azy, fe natahotsy ty olo lako ndrozy, safe nanovy ty olo ho to-resaky Ie.

Chapter 22

¹Nivola tamy ty fanohara tamin-drozy ndraiky Jesosy, nanao hozo: " ²Ty fanjaka ty lanitsy ro mitovy amy ty mpanjaka ze nanoma fanasa amy ty fampiakaram-baly ho ahy ty anakilahiny. ³Naniraky mpoasany rey hikaiky ze nahazo fanambara hanatsiky ty fetim-panam-balia rey ie, fa tsy nety ho avy ndrozy. ⁴Nandefa mpoasany hafa rey ndraiky ty mpanjaka, manao hozo: 'Anambara ze nambara rey hozo: 'Henteo, fa nikarakarako ty haniko. Fa nivonoe ty aomby noho ty anak'aomby mifehiko, sady fa vonona ty raha-iaby. Miavia amy ty fetim-panam-balia ao.' ⁵Fe tsy nidary ndrozy sady lasa nandeha, ty raiky namonjy ty toera-fihareany, ty hafa tamy ty raharaha-varotsiny. ⁶Ilany nanambotsympiasa ty mpanjaka rey, nangala-baraka androzy, sady namono androzy. ⁷Neloky ty mpanjaka ka le naniraky maramilany rey, sady namono mpamono olo rey ndrozy, sady nandoro ty tanany. ⁸Bakeo nivola tamy mpiasany rey ie hozo: 'Fa vonona ty fangalam-baly, fa ze nanambara rey ro tsy maeva. ⁹Laha zay mandehana amy ty sampanan-dalabey eny sady manambarà olo lako ze hitanareo ho amy ty fetim-pangalam-baly ao.' ¹⁰Nandeha niboaky tamy ty alalam-bey any mpiasa rey sady nanambotsy ty olo iaby ze hitan-drozy, ndra ty soa ndra ty raty. Laha zay le atsiky vahiny azy efi-tsano bevata nisy ty fangalam-baly iny. ¹¹Fa lafa nilitsy ty mpanjaka mba hanenty vahiny rey, le nahita lahilahy tsy nisiky salotsy fandesy amy ty fangalam-baly ie. ¹²Nivola taminy ty mpanjaka hozo: 'Nama a, ino ro iliranao ato tsy miaraky amy ty fisikina fandesy amy ty fangalam-baly?' Fa tsy nahavola lahilahy iny. ¹³Bakeo nivola tamy mpiasany rey ty mpanjaka hozo: 'Fehezo ty tana noho ty tomboky lahilahy toy, sady atoraho amy ty maiky ambaliky any ie, any ro misy fitania noho fikotsoha-hy.' ¹⁴Fa olo lako nikaihe, nefa tsy ampy ro ho voatingy. ¹⁵Bakeo nandeha Fariseo rey sady nanoma ty fomba mety hamandriha an'i Jesosy amy ze nivolaniny. ¹⁶Bakeo nirahin-drozy nana Aminy any mpianatsin-drozy rey, niaraky tamy Herodiana rey. Nivola tamy i Jesosy ndrozy hozo: "Mpampianatsy e, hainay fa marina lha, sady mpampianatsy ty lalan-Janahary amy ty marina. Tsy midary ty hevitsy ty hafa lha, sady tsy manenty mitongila. ¹⁷Laha zay volano aminay, ino ty hevitsinao? Ara-dalà vaty fandoava haba amy i Kaisara any sa aha?" ¹⁸Nefa azo i Jesosy ty faharatia rey ka le nivola hozo: "Nanino ro mitsapa Ahy nareo, mpihatsaravelatsihy? ¹⁹Atoro Ahy ty farantsa amy ty haba." Bakeo nanday denaria taminy eo ndrozy. ²⁰Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "An'ia sary toy noho anara toy?" ²¹Nivola taminy ndrozy hozo: "An'i Kaisara." Bakeo Jesosy nivola androzy hozo: "Ameo an'i Kaisara ze an'i Kaisara rey, sady ahin-Janahary ze ahin-Janahary rey." ²²Lafa nahare zay ndrozy, le tseriky. Sady niala Taminy eo ndrozy ka le nandeha. ²³Tamu andro zay avao ty Sadoseo ilany, ze nivola fa tsy misy fitsangana amy maty, namonjy Azy. Nanontany Azy ndrozy, ²⁴nanao hozo: "Mpampianatsy e, Mosesy nivola hozo: 'Laha maty ty olo, tsy manan'anaky, le tokony hanambaly ty valy ty rahalahiny sady hanan'anaky ho ahy ty rahaahiny. ²⁵Nisy mpirahalaky fito. Nanambalg ty velohany sady maty bakeo. Lasa tsy nanenga anaky, nengany ho ahy ty rahalahiny ty valiny. ²⁶Bakeo nanao raha mitivy amy zay ty faharoe, bakeo ty faha telo, manahaky zay avao zisiky any amy rahalahy faha fito i y. ²⁷Tafara rozy iby, le maty ampela iny. ²⁸Sady amy ty fitsangana ty maty, ho valinia amy mpirahalaky fito rey ie. Fa nanambaly azy rozy iaby." ²⁹Fa namaly Jesosy sady nivola androzy hozo: "Diso nareo, safe tsy mahay ty Soratsy Masy ndra ty herin-Janahary. ³⁰Fa amy ty fitsangana ty maty ro sady tsy hanambaly androzy ro tsy ameo ampanambaly. Fa koa, mitovy amy anjely rey an-danitsy any. ³¹Fa mikasiky ty fitsangana ty maty mbo tsy nivakinareo va ze nivolan-Janahary taminareo, manao hozo: ³²Zaho ro Njanahary i Abrahama, Njanahary Isaka, sady Njanahary i Jakoba? Njanahary ro twy Njanahary ty maty, fa ahy ty velo." ³³Lafa nahare zay olo lako rey, le jilo tamy ty fampianarany. ³⁴Fa lafa re i Fariseo rey ty tsy nampivolana i Jesosy ty Sadoseo rey, le niara-nikombo ndrozy. ³⁵Ty raiky tamin-drozy, mpahay lalà, nametsaky-fanontanea taminy, nangalaky fanahy Azy hozo: ³⁶"Mpampianatsy, ia ro bey bibike amy ty lily amy ty lalà ao." ³⁷Nivola taminy Jewosy hozo: "Tiavo amy ty fonareo iaby, amy ty fanahinareo iaby, sady amy ty sainareo iaby ty Tompo Njanaharinareo." ³⁸Zay ro lily bevata noho velohany. ³⁹Sady ty lily faharoe ro manahaky zay avao: "Tiavo ty mpiara-belo aminareo manahaky ty vatanareo." ⁴⁰Amy lily roe rey ro iankina ty lalà iaby noho ty olo to-resaky rey." ⁴¹Sady laha mbo niara-nikombo Fariseo rey, le nametsaky-fanontanea androzy Jesosy. ⁴²Hoy Ie hozo: "Ino ro eritseritsinareo miksiy i Kristy? Anakilahin'ia Ie?" Nivola taminy rey hozo: "anaky i Davida." ⁴³Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Nanino moa Davida mipetsaky amy ty Fanahy ao ro mikaiky Azy hoe Tompo, manao hozo: ⁴⁴"Ty Tompo nivola tamy ty Tompoko hozo: "Mipetsaha amy ty tanan-kavanako eo, zisiky-ananovako ty fahavalonao ho fipetsaha-tombokinao?" ⁴⁵Laha Davida aza mikaiky an'i Kristy hozo: 'Tomo, le ino ro maha-ana i Davida Azy?' ⁴⁶Tsy nisy nahavaly Azy tamy ty safa, sady tsy nisy olo nahasaky nametsaky-fanontanea hafa sasy nanomboky tamy andro zay.

Chapter 23

¹Sady Jesosy nivola tamy olo lako rey noho mpianatsiny rey. ²Hoy Ie hozo: "Mpanora-dala noho fariseo rey ro mipetsaky amy ty fipetsaha i Mosesy eo." ³Laha zay ndra ino ndra ino hibekoan-drozy anareo hanovy, le anovo raha reny ka le miembena androzy. Fa ka ala manahaky ty asan-drozy safe rozy ro mivola raha neka bakeo tsy manao zay. ⁴Eka, fehezin-drozy ty enta-mavesatsy ze sarotsy andesy, sady bakeo le apetsakin-drozy amy ty sorokiny eo ty olo. Fa tsy hqnetsiky ty ratsan-tana raiky marina ty vatan-drozy mba handay androzy. ⁵Manao ty asany ndrozy iaby mba ho hita ty olo. Fa anovin-drozy malalaky ty filakiterany, sady hitarihan-drozy ty sisity-salony. ⁶Tean-drozy ty toera ty mana-kaja amy ty fanasa any noho ty toera ty bey amy ty synagoga ao, ⁷noho ty fiarahaba miavaky am-bazary eny, sady mba ho kaihy ty olo hozo: 'Raby'. ⁸Fa nareo tsy azo kaihy hozo: 'Raby', fa raikyavao ty mpampooanatsinareo, sady mpirahalaky nareoiaby. ⁹Sady ka mikaiky ty olo an-tany etoy hoebabanreo, fa raiky avao ty Babanareo, sady Ie ro an-danitsy any. ¹⁰Nareo ka mety kaihy hozo: 'Mpampianatsy', fa raiky avao ty mpampianatsinareo, le i Kristy. ¹¹Fa ze bey bibiky aminareo ro ho mpiasanareo. ¹²Ndra ia ndra ia manondrom-bata le ajotso, sady ndra ia ndra ia mampijotso vata ro hasondrotsy. ¹³Fa lozanareo, mpanora-dala noho fariseo rey, mpihatsaravelatsihy! Fa ahilinareo amy ty olo ty fanjaka ty lanitsy. Fa nareo tsy mampilitsy ty vatanareo, sady tsy enganareo ze mila hilitry rey. ¹⁴[Fanamariha: Ty taratasy-lako taloha ro tsy ahita ty fehezan-tsafa hozo: 'Fa lozanareo, mpanora-dala noho ty fariseo, mpihatsaravelatsihy, Fa mandany ty tsano ty mpanday vata, sady manao vavaky lava reny nareo. Laha zay le hahazo sazy bevata nareo.'] ¹⁵Lozanareo, mpanora-dala noho fariseo, mpihatsaravelatsihy, Fa mandeha mitety ty riaky noho ty tany nareo mba hampiova fa ty olo raiky, sady lafa miova ie, le anovinareo ty anaky ty helo abo mandilatsy roe noho nareo ie. ¹⁶Lozanareo, mpitariky jiky, nareo ze mivola hozo: 'Ndra ia ndra ia mifanta amy ty egilizy, le tsy misy dikany zay. Fa ndra ia ndra ia mifanta amy ty volamena ty egilizy, le voafehy ty fifantany ie.' ¹⁷Nareo jikyada.a! Ia ro bey mare, ty volamena sa ty egilizy ze manao volamena masy? ¹⁸Sady, 'Ndra ia ndra ia mifanta amy ty alitara le tsy misy dikany zay. Fa ndra ia ndra ia mifanta amy ty fanomeza ze anabo zay ao, le voafehy ty fifanta ie.' ¹⁹Nareo olo jiky! ia ro bey mare, ty fanomeza sa ty alitara ze manao ty fanomeza ho masy? ²⁰Laha zay, ze mifanta amy ty alitara, le mifanta amy zay noho amy ty raha iaby anabony eo. ²¹Ty raiky ze mifanta amy ty egilizy, le mifanta amy zay noho amy ze mipetsaky aminy ao, ²²sady ty raiky ze mifanta amy ty lanitsy, le mifanta amy ty seza fipetsahan-Janahary noho aminy ze mipetsaky anabo zay eo. ²³Lozanareo, mpanora-dala noho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mandoa ty fahafolo ty solifa noho ty aneta sady ty kominy nareo, fa nareo ro tsy nanenky ty raharaha mavesan-danja sandraky amy ty lala- ro ty rariny noho ty famalozam-po sady fino. Fa rey ro tokony nanovinareo sady tsy tokony nenganareo ho tsy vita ty raiky hafa. ²⁴Nareo mpitariky jiky, nareo ze maniva ty lanitsy nefa mitely rameva! ²⁵Loza ho ahy nareo, mpanora-dala noho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa liovinareo ty ambaliky ty kapoaky noho ty lovia, nefa ty anainy ao ro atsiky faniria noho fila. ²⁶Nareo fariseo jiky rey! Liovo aloha ty anay ty kapoakynoho ty lovia ao, mba hanjary malio avao koa ty ambaliky. ²⁷Loza ho ahy nareo, mpanora-dala noho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa nareo ro manahaky ty lolo voalalotsy foty; ze soa ambaliky, fa ty anainy ao koa ro atsiky ty taolam-paty noho ty loto iaby. ²⁸Manahaky zay avao koa, ambaliky eto nareo miboaky ho marina amy ty olo eo, nefa ty anainareo ao ro atsiky fihatsaram-belatsihy noho heloky. ²⁹Loza ho ahy nareo, mpanora-dala noho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mamboatsy ty lolo ty to-resaky nareo sady mampipozy ty lolo ty mrina. ³⁰Hoy nareo hozo: 'Laha niay tamy ty andro ty razambentsika tsika, le tsy ho nandramby anjara niarakany tamin-drozy tamy ty fandatsaha ty lio ty olo to-resaky tsika'. ³¹Laha zay le mitsanga vavolombelo amy ty vatanareo nareo fa anaky ze namono ty olo to-resaky rey. ³²Nareo avao koa ro naha atsiky ty fahota razambenareo rey ³³Nareo bibilava, nareo tariha ty menara, ino ro hilaisanareo ty fanasazia ho amy ty helo any? ³⁴Laha zay, ingo, miarakany olo to-resaky noho olo-hendry sady mpanora-dala ho ahy nareo Zaho. Ty ilany amin-drozy ro ho vononareo noho hahantonareo; sady ty ilany ho vangonafeo amy ty synagoganareo ao sady handroaky azy hiala an-tana ao. ³⁵Ty vokatsy zay le hanontany anareo ty lio marina iaby ze nalatsaky tan-tany eto, nanomboky tamy ty lio i Abela marina, ka le zisiky amy ty lio Sakaria ana i Barakia any, ze nivononareo tanivo ty fipetsaha masy rey noho ty Alitara. ³⁶Volaniko aminareo marina, fa ty raha iaby ro ho avy amy tariha toy. ³⁷Jerosalema a, Jerosalema a, iha ze mamono ty olo to-resaky noho mitoraky-vato ze hirahy ho aminao! Impiry Zaho ro maniry ty hamory ty ananao miarakany, manahaky ty akoho vavy raiky mamory ty akoho kelikely ambany elatsiny ao, nefa tsy nety nareo! ³⁸Ingo, ty tsanonareo ro enga ho lao ho ahy nareo. ³⁹Fa volaniko aminareo, zisiky amy zao, twy hahita Ahy vatany nareo zisiky-pivolananareo hozo: 'Isaoro lahy ze baka amy ty anara ty Tompo.'"

Chapter 24

¹Niboaky ty egilizy Jesosy sady lasa nandeha. Namonjy Androzy mpianatsiny rey mba hanoroa Azy ty rafitsy ty egilizy. ²Nefa namaly Ie sady nivola tamin-drozy hoozao: "Tsy hitanareo va raha iaby rey? Volaniko aminareo marina, tsy hisy vato ho tavela amy ty raiky hafa ze tsy ho rava." ³Lahq nietsaky tam-bohitsy i Oliva eo Ie, le namonjy Azy moramora mpoanatinany rey sady nivola hoozao: "Ambarao anay, ombia raha iaby rey ro hiseho? Ino ro fahaiza ty fiavianareo noho ty fara-andro?" ⁴Namaly Jesosy sady nivola androzy hoozao: "Miembena mba tsy hisy hamitaky anareo". ⁵Fa ho lako ty ho baka amy ty anarako. Sady hivola androzy hoozao: 'Zaho ro Kristy,' sady lako ro ho voafitaky. ⁶Hahare aly noho tatitsy aly nareo. Miembena mba tsy hitepotepo nareo, fa tsy maintsy hitsanga raha zay; nefa tsy mbo avy ty farany. ⁷Fa hisy firenea hitsanga hanohitsy firenea, sady fanjaka hanohitsy fanjaka. Hisy mosary noho hotohoron-tany amy ty toera samby hafa. ⁸Nefa raha iaby zay le fanomboha ty faharary ty fiteraha avao. ⁹Ka le hamean-drozy ho amy ty fahoria nareo sady ho vonoany. Ho hala ty firenea iaby nareo noho ty anarako. ¹⁰Sady lako ty ho heloky, sady hifamitaky noho hifankalay ty kirai-draiky. ¹¹Mananova to-resaky sandoky lako rohitsanga ka le hamitaky olo lako. ¹²Safe ty faharatiavro hitombo, sady hihamanintsy ty fitoava ty lako. ¹³Fa azy raiky ze miaritsy zisiky amy ty farany le ho voavonjy. ¹⁴Filazantsoa ty fanjaka toy ro ho torý era ty tany iaby toy ho vavolombelo amy ty firenea iaby. Bakeo le ho avy ty farany. ¹⁵Laha zay, laha mahita ty fahativativa ty fandrava nareo, ze nivolany i Daniela to-resaku, le hitsanga amy ty toera Masy eo nareo" (engao ty mpamaky hahatakatsy), ¹⁶"Engao ze any Joda rey hilay ho am-bohitsy any, ¹⁷engao ze anabo ty tsano ao tsy hijotso hangalakany raha baka an-tsanony any, ¹⁸sady engao ze am-baibo any tsy himpoly hangalakany ty sikiny. ¹⁹Fa loza ho ahy bevoka rey noho mampinono amy andro zay! ²⁰Mivavsha mba tsy ho amy ty nintsy ndra amy ty Sabata ro hitsanga ty filaisanareo. ²¹Fa hisy fahoria bevata, ze tsy mbo nisy manahaky zay zisiky amy veloha ty tany iaby toy zisiky amy zao, aha, sasy tsy hisy sasy. ²²Laha tsy afohezy andro rey, le tsy hisy ofotsy ho vonje. Fa noho ty olo-voatingy, ro hahohezy andro rey. ²³Fa laha misy olo mivola anareo hoozao: 'Ingo, toy Kristy iny' ndra, 'irý azy Kristy iny' le ka mino zay. ²⁴Fa ty Kristy sandoky noho ty olo to-resaky sandoky rey leho avysady hampiroro fahaiza bevata noho raha-mahatseriky, mba hamitaky, laha azoantoky, ndao fa ndra olo-voatingy rey aza. ²⁵Ingo, fa nivolaniko anareo aloha ty fotoa. ²⁶Laha zay, laha mivola anareo ndrozy hoozao: 'ingo, an'efitsy any ie,' le ka mana an'efitsy any. Ndra hoe 'ingo, anay efitsano any ie'le ka mino zay. ²⁷Fa manahaky ty varatsy ze mihelatsy baka antinana any ka le mazava zisiky andrefa any, le manahaky zay ty fiavia ty Anak'olo. ²⁸Ndra aia ndra aia misy biby maty, le any ro ivoria ty voltora. ²⁹Sady laha vo afaky ty fahoria amy andro rey ro ho maiky ty masoandro, tsy hanome ty hazavany ty vola, hilatsaky baka an-danitsy any ty basia, sady hihozongozo ty hery ty lanitsy. ³⁰Bakeo le hiboaky amy ty lanitsy eny ty fahaiza ty Anak'olo, sady ty foko iaby anabo ty tany hisaona. Hahita ty anak'Olo avy amy ty raho ty lanitsy miarakany amy ty hery noho voninahitsy bevata Ndrozy. ³¹Handefa anjelyny rey Ie miarakany amy ty feo trompetsa mahery, sady hamory ty olo-voatinginy baka amy ty vazan-tany efatsy any ndrozy, manomboky amy ty fara-lanitsy ka le zisiky amy ty hafa any. ³²Mianara ty lesona baka amy ty aviavy. Laha vatany vo matoe ty fotony sady mamoaiky ty raviny, le hainareo fa manariny ty fahavaratsy. ³³Manahaky zay avao koa, laha mahita raha iaby zay nareo, le tokony ho hainareo fa mariny Ie, amy vavahady rey eo mihitsy. ³⁴volaniko aminareo marina, fa tsy ho lany tariha toy zisiky-iboaha iaby zay. ³⁵Tsy hisy sasy ty lanitsy noho ty tany, fa safako ro tsy mba ho rava zisiky farahy. ³⁶Nefa ty mikasiky andro zay ro tsy misy mahay, ndra ty Anjely ty lanitsy azam ty Anak'ilahy, fa Njanahary avao. ³⁷Manahaky ty tany ty andro i Noa, le manahaky zay avao koa ty fiavia ty Anak'olo. ³⁸Fa manahaky ty tany andro aloha ty safo-drano rey ro nihinana noho ninoma ndrozy, nanambaly noho nampiakary zisiky-iavia andro nilara i Noa iny tanay sambo fiondrana ao, ³⁹sady tsy nahay ndra ino ndra ino ndrozy zisiky-iavia ty safo-drano ka le nandrava azy iaby- le manahaky zay ty fiavia ty Ana'olo. ⁴⁰Bakeo hisy lahilahy roe am-baibo eny - ty raikyho rambesy, sady ty raiky henga. ⁴¹Ampela roe ro handisa vary- ty raiky ho rambesy, sady ty raiky henga. ⁴²Laha zay le miembena, fa tsy hainareo ze andro hiavia ty Tomponareo. ⁴³Fa haiko zao, laha hay ty tompon-tsano hoe amy firy haly ro iavia ty mpangalatsy, le hiemby ie sady tsy nanenga ty tsano y ho vaky. ⁴⁴Laha zay le tsy maintsy mivonona avao koa nareo, fa ho avy ty Anak'olo amy ty lera tsy ampoizinareo. ⁴⁵Ka le ia moa azy mpiasa matoky noho hendry ze nitondro ty tompony hanapaky ty longony iny mba hanomeza androzy ty hanin-drozy amy ty fotoa mety? ⁴⁶Sambatsy mpiasa ze hita ty Tompony zay fa manao zay lafa vy ie. ⁴⁷Volaniko aminareo marina fa ty tompony ro hanapaky azy ho anabo ty raha iaby ze ananany. ⁴⁸laha misy mpiasa raty mivola am-pony ao hoozao: 'Ela fiavia ty tompo', ⁴⁹ka le manomboky mamono mpiasa namany rey, noho mihina sady mino miarakany amy mpino toaky rey; ⁵⁰le ho avy tompo azy mpoasa amy ty fotoa ze tsy ampoiziny iny sady amy ty lera ze tsy hainy. ⁵¹Le ho tapatapahy ty tompony ie sady hanoviny manahaky ty an'i mpihatsaravelatsihy ty anjarany, ze hisy ty fitania noho ty fikotsoha-hý.

Chapter 25

¹Ty fanjaka ty lanitsy ro hanahaky ty aja-mpela mbo tsy mahasaky lahy folo ze nangalaky ty jirony ka le nandeha nitojiky tamy ty mpampiakatsy. ²Adala ty limy tamin-drozy fa ty limy koa hendry. ³Sady lafa nanday jirony rey aja-mpala mbo mahasaky lahy adala rey, le tsy nanday soliky niaraky taminy. ⁴Fa aja-mpela mbo tsy mahasaky lahy rey hendry koa ro nanday fanajarian-tsoliky niaraky tamy ty jirony. ⁵Sady laha tara mpampiakatsy, le fany rozy iaby ka le niroro. ⁶Fa tamy ty sasak'aly ro nisy nikaiky mare hozao: "Ingo, ty mpampiakatsy! miboaha mba hotojiky aminy. ⁷Bakeo niharé ty aja-mpela mbo tsy mahasaky lahy iaby ka le nikarakara ty jirony. ⁸Hoy adala rey tamy hendry rey hozao: "Mba ameo antsasany amy ty solikinareo zahay fa ho maty ty jironay. ⁹Fa namaly hendry rey ka le nivola hozao: "Tsy noho tsy ho ampy ho anay noho ho ahy nareo, fa mandeha koa amy mpamarotsy rey ka le mivilia ho ahy ty vatanareo. ¹⁰Laha nandeha nivily androzy, le avy ty mpampiakatsy, sady ze fa vonona le niaraky-nandeha taminy ho amy ty fanambaram-panambalia, ka le nihily ty vavahady. ¹¹Lafa ataky say ro niavy avao koa aja-ampela mbo tsy mahasaky lahy rey ka le nivola hozao: 'Tompoko, Tompoko, mba vahao zahay'. ¹²Fa namaly ie ka le nivola hozao: 'Volaniko marina aminareo, tsy mahay anareo zaho.' ¹³Ka noho zay miembena, fa tsy hainareo ty andro ndra ty lera. ¹⁴Fa zay ro manahaky ty lahilahy raiky ze nandeha ho amy ty firenea-hafa any. Nikaiky ty mpiasany ie ka le nampitandraky androzy ty hananany. ¹⁵Ty raiky tamin-drozy nameany talenta limy, ty raiky hafa nameany lera, sady ty raiky hafa koa nameany talenta raiky. Ty kirai-draiky ro samby nandramby talenta manahaky ze fahaizany iaby, sady nandeha tamy ty liany lahilahy zay. ¹⁶Ty raiky ze naharamby talenta limy ro niala teo noho ka le nampiasa androzy sady nahazo talenta limy hafa. ¹⁷Manahaky zay koa azy raiky ze naharamby talenta roe nahazo roe hafa iny. ¹⁸Fa azy mpanompo raiky ze naharamby talenta raiky iny koa, nandeha ka le nihaly lavaky tamy ty tany, sady nandevy ty jala ty tompony. ¹⁹Sady tafara ty fotoa ela ro nimpolia ty tompo mpiasa rey sady nandamy-rahara tamindrozy. ²⁰Nilitsy azy mpiasa ze naharamby talenta limy hafa. Hoy ie hozao: "Tompoko, nameanao talenta limy zaho. Ingo, nanatombo talenta limy hafa zaho." ²¹Hoy ty tompony taminy hozao: "Soa zay, mpiasa soa sady matoky! Natoky tamy ty raha tsy ampy iha. Zaho hampiantoky anao amy ty raha lako. ²²Azy mpiasa ze naharamby talenta roe iny ro namonjy noho nivola hozao: "Tompoko, nameanao talenta roe zaho, ingo, nanatombo talenta roe hafa zaho". ²³Nivola azy ty tompony hozao: 'Soa zay, mpiasa soa sady mahatoky! Nahatoky tamy ty raha kelikely iha. Zaho hampiantoky anao amy ty raha lako. Milira amy ty fifalea ty tomponao. ²⁴Bakeo azy mpiasa ze naharamby talenta raiky namonjy ro sady nivola hozao iny: "Tompoko, haiko fa lahilahy masiaky iha. Mijinja amy ze tsy nandrarahanao eny iha, ro sady mamory-vokatsy amy ze tsy nambolenao eny. ²⁵Natahotsy zaho, ka le nandeha sady namony ty talentanao tanay ty tany ao. Hentoe, ingo ze ahy nao. ²⁶Sady namaly azy ty tompony ka le nanao taminy hozao: 'Iha mpiasa raty sady tsy tea, hainao fa zaho ro mijinja amy ze tsy nandrarahako noho mamory-vokatsy eny amy ze tsy namboleko eny. ²⁷Laha zay le tokony nameanao ty mampitombo-jala ty jalako, ka le lafa nimpoly zaho le nandramby ty ahy miaraky amy ty tombony. ²⁸Laha zay alao aminy any ty talenta sady ameo ho an'i azy mpiasa ze mana talenta folo iny zay. ²⁹Fa ze iaby mana ro hamea bevata vatany mandilatsy aza. Fa ho an'i ze tsy mana ndra ino ndra ino koa rey, ndra ze hananany aza le hala aminy. ³⁰Ario amy ty maiky any ambaliky ty mpiasa tsy maeva any, any ro misy ty fitania noho ty fikotsoha- hý. ³¹Ka lafa avy amy ty voninahitsy ty Anak'Olo noho ty anjely iaby miaraky Aminy, le hipetsaky amy ty seza fipetraha ty voninahitsy eo Ie. ³²Sady ty firenena iaby ro havory anilany eo, sady hanavaky ty olo raiky amy raiky hafa Ie, manahaky ty mpiemby aondry manavaky ty aondry noho aosy. ³³Hampipetsaky ty aondry ho ankavanany eo ie, fa ty aosy ankaviany eo. ³⁴Sady ty mpanjaka hivola amy ze an-tana ankavanany rey eo hozao: 'Avia, nareo ze nitahy ty Babako, mandovà ty fanjaka ze fa voahoma ho ahy nareo nanomboky tamy namboara an'i tany iaby toy. ³⁵Fa mosary Zaho le nameanareo hany; te hinon-drano Zaho le nomeanareo hinomy; nivahiny Zaho le nampandrosonareo; ³⁶nitanjaky Zaho le nampisalorinareo; narary Zaho nikarakaranareo; sady tan-gadra any Zaho le nana amiko any nareo. ³⁷Sady marina rey ro hamaly noho hivola hozao: 'Tompoko, ombia zahay ro nahita Anao mosary ka le namaha Anao? Ndra tahinon-drano ka le nampinominay? ³⁸Ombia Iha ro hitanay nivahiny ka le nampandrosonay? Ndra nitanjaky ka le nampisalorinay? ³⁹Ombia zahay ro nahita Anao narary ndra tan-gadra any ka le nana aminao any? ⁴⁰Sady ty mpanjaka namaly ka le nivola androzy hozao: 'Volaniko aminareo marina, ze nanovinareo tamy rahalahiko kelikely bibike reny, le nanovinareo tamiko.' ⁴¹Sady ie hivola amy ze ankaviany eo hozao: 'Mialà amiko, Nareo ze voahozo, ho amy ty afo mirehitsy zisiky farany any ze fa voahoma ho ahy ty devoly noho anjelyny rey, ⁴²safe mosary Zaho, fa tsy nameanareo hany; te hino rano Zaho, fa tsy nameanareo hinomy; ⁴³nivahiny Zaho, fa tsy nampandrosonareo; nitanjaky Zaho, nefa tsy nampisalorinareo; narary noho tan-gadra ao Zaho, fa tsy nikarakaranareo. ⁴⁴Sady le hamaly koa ndrozy ka le hivola hozao: 'Tompoko! Ombia zahay ro nahita Anao mosary, ndra te hino rano, ndra nivahiny, ndra natanjaky, ndra narary, ndra tan-hadra any, ka le tsy nanompo Anao? ⁴⁵Sady Ie namaly androzy ka le hivola hozao: 'Volaniko

aminareo marina, fa ze tsy nanovinareo tamy raiky tamy maliniky rey iny, ro tsy nanovinareo tamiko.'⁴⁶Rey ro halefa ho amy ty fanasazia zisiky farany ao fa marina koa rey amy ty fiaina zisiky farany."

Chapter 26

¹Lafa vita i Jesosy safa iaby zay, le nivola tamy mpianatsiny rey le hozao: ²"Hainareo fa afaky ndroe androle ho avy ty Paska, sady hamea hahanto amy ty hazofijalea ty Anak'Olo." ³Bakeo ty bey ty mpisoro noho ty olo-bey niaraky-nivory tamy ty lapa ty mpisorobey, ze nikaiky hoe Kaiafa. ⁴Niaraky-nanao tetiky ndrozy mba hanambora milamy an'i Jesosy sady hamono Azy. ⁵Fa hoasan-drozy hozao: "Tsy amy ty fety, mba tsy hisia ty koronta amy ty olo eo." ⁶Sady Jesosy lafa ta Betania an-tsano i Simona boka ao, ⁷laha nipetsaky nihina tamy ty latabatsy eo, le nisy ampela raiky nana tavoara alabastara atsiky menaky sarotsy vily namonjy Azy, le nandraraky zay tamy ty lohany. ⁸Fa lafa hita mpianatsiny rey zay, le neloky ndrozy ka le nanao hozao: "Ino ro dika fandania zao. ⁹Afaky navily sarotsy sady namea mijaly rey io." ¹⁰Fa Jesosy, nahay zay, nivola androzy hozao: "Nanino nareo ro manahiran-tsay ty ampela? Fa raha soa ro nanoviny tamiko. ¹¹Aminareo eo zisiky farany ty mijaly, fa Zaho ro tsy ho aminareo eo zisiky farany." ¹²Fa lafa nandraraky menaky manitsy zay tamy ty vatako ie, le nanoviny ho ahy ty fandevena Ahy zay. ¹³Volaniko aminareo marina, ndra aia ndra aia hanambara ty filazantsoa amy ty tani iaby toy eto, ze nanovy ampela toy ro ho volany avao koa ho fahatiarova azy." ¹⁴Bakeo raiky tamy ty folo roa ambyze nikaihe hoe Jodasy Iskariota, nana amy ty bey ty mpisoro any ¹⁵sady nanao hozao: "Ameanareo hotsino zaho hanomezako Azy aminareo?" Nandanja volafoty maliniky telopolo ndrozy ho azy. ¹⁶Tamy fotoa zay le nila fahafaha ie mba hanomeza Azy amin-drozy. ¹⁷Tamy ty andro veloha ty mofo tsy misy lalivay le namonjy an'i Jesosy mpianatsy rey ka le nivola hozao: "Aia ro teanao hanomananay ho anao hihina ty hany ty paska?" ¹⁸Namaly le hozao: "Milira antanà ao misy lahilahy raiky sady volano ie hozao: 'Hoy ty Mpampianatsy hozao: 'Fa mariny ty fotoako. Antsanonao ato Zaho ro hanao ty paska miaraky amy mpianatsiko rey.'" ¹⁹Nanovy mpianatsy rey manahaky ze nibekoa i Jesosy zay, sady nanoma ty hany ty paska ndrozy. ²⁰Lafa avy ty hariva, le nipetsaky nihina niaraky tamy ty mpianatsy folo roa amby le. ²¹Lafa nihina ndrozy, le hoy le hozao: "Volaniko aminareo marina fa hisy raiky aminareo hamitaky Ahy." ²²Nalahelo ndrozy sady nanomboky nanontany Azy ty kirai-draiky hozao: "Tsy ho zaho mihintsy, Tompo?" ²³Namaly le hozao: "Ze niaraky-nampitsoboky ty tanany tamiko tanay lovia ao ro azy raiky hamitaky Ahy iny. ²⁴Handeha ty Anak'Olo, manahaky ze fa voasoratsy mikasiky Azy. Nefa volany ty olo ze hamitaky ty Anak'Olo! Soa vatany ho ahy Olo zay ro tsy teraky akory." ²⁵Jodasy, ze hamitaky Azy nivola hozao: "Zaho va zay, Raby o?" Hoy le taminy hozao: "Voavolanao." ²⁶Laha mbo nihina ndrozy, le nangalaky mofo Jesosy, nisaotsy, sady nanapaky zay. Nameany mpianatsy rey zay sady nivola hozao: "Rambeso, hano. Toy ro vatako." ²⁷Nandramby ty kapoaky le sady nisaotsy, sady nanome zay androzy ka le nivola hozao: "Nareo iaby, inomy toy. ²⁸Fa toy ty lio ty fanenkem-pilongoa arotsaky ho ahy ty lako ho famelan-keloky. ²⁹Fa volaniko aminareo, fa tsy mba hino ty vokatsy ty voloboky sasy Zaho, zisiky-ia via ty finoma vaovao hiarahako aminareo amy ty fanjaka ty Babako any." ³⁰Lafa nihira hira fanompo ndrozy, le nandeha tamy ty vohitsy i Oliva any. ³¹Bakeo hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Nareo iaby ro hiala Ahy noho ty amiko androany haly, fa voasoratsy hozao: 'Hamango ty mpiemby aondry Zahi le hiparitaky ty aondry.' ³²Fa afara ty fitsanganako amy maty, ro hitariky lala anareo a-Galilia any." ³³Fa Petera nanao taminy hozao: "Ndra le hiala noho ty aminao aza ty iaby, zaho tsy mba hiala mihintsy." ³⁴Hoy Jesosy taminy hozao: "Volaniko aminareo marina, fa androany haly laha mbo tsy maneno akoho, le handà Ahy intelo iha." ³⁵Petera nivola taminy hozao: "Ndra ro tsy maintsy ho maty miaraky aminao aza zaho, le tsy handà anao." Manahaky zay avao ro nivolany mpianatsy hafa rey. ³⁶Sady Jesosy nandeha niaraky tamin-drozy nana amy ty toera kaihy hoe Getsemane any sady nivola tamy ty mpianatsiny hozao: "Mipetsaha eto laha mbo handeha hivavaky eroy Zaho." ³⁷Nanday an'i Petera mbamy ty anaky i Zebedio roe lahy le sady nanomboky nalahelo noho mijaly. ³⁸Bakeo hoy le tamin-drozy hozao: "Mijaly ty fanahiko, manahaky ty fa ho fety. Mipetsaha eto sady miembena miaraky amiko." ³⁹Nisitaky kelikely le, nandohaliky sady nivavaky. Hoy le hozao: "Babako e, laha azo anovy, le engao halà amiko kapoaky toy. Nefa, engao tsy manahaky ty sitsapoko, fa ty sitsaponao." ⁴⁰Namonjy mpianatsy rey le sady nahita androzy andesin-droro, ka le hoy le tamy i Petera hozao: "Ino, tsy mahavita miemby miaraky amiko ndra ro lera raiky aza nareo va?" ⁴¹Miembena sady mivavaha mba tsy ho azo ty fakam-panahy nareo. Mety avao ty fanahy, fa ty nofotsy ro malemy." ⁴²Mbo nandeha fanindroeny le sady nivavaky. Hoy le hozao: "Babako, laha hohatsy ka tsy azo ala amiko raha tsy mino toy Zaho, le hanovy lahy ty sitsaponao." ⁴³Nimpoly ndraiky le sady mbo nahita androzy niroro, fa navesatsy ty mason-drozy. ⁴⁴Ka le niala androzy ndraiky le, lasa sady nivavaky fanintelony, nivola safa rey avao. ⁴⁵Bakeo Jesosy namonjy mpoanatsy rey ka le nanao tamin-drozy hozao: "Mbo miroro noho miala vozaky va nareo? Hentao, fa mariny ty lera, sady ty Anak'Olo ro hamea an-tana mpanota rey eo. ⁴⁶Mitsangana, andao tsika. Hentao, fa mariny azy hamitaky Ahy iny." ⁴⁷Laha mbo nivola le, le avy Jodasy, raiky amy folo roa amby rey. Nisy olo lako mare niavy niaraky taminy baka amy ty bey ty mpisoro noho olo-bey. Niavy niaraky tamy ty meso-bey noho langilangy ndrozy. ⁴⁸Sady nanome fahaiza androzy azy lahilahy hamotaky an'i Jesosy, manao hozao: "Ze horofako, ro le. Samboro le." ⁴⁹Teo

noho eo avao namonjy an'i Jesosy ie sady nivola hozao: "Falifaly, Raby!" Sady nanoroky Azy ie.⁵⁰ Hoy Jesosy taminy hozao: "Nama, anovo ze nandehananao Eto." Bakeo avy ndrozy, nanampatsy tana tamy i Jesosy, sady nanambotsy Azy.⁵¹ Ingo, raiky tamy rey niaraky tamy i Jesosy nanampatsy ty tanany, nampiala ty meso-beiny, nanapaky ty mpiasa ty mpisorobey, sady nahafaky ty sofiny.⁵² Bakeo hoy Jesosy tamiby hozao: "Ampolio amy ty toerany ty meso-beinao, fa ze mandramby meso-bey rey ro ho vonoe amy ty meso-bey."⁵³ Mieritseritsy va nareo fa tsy afaky mikaiky ty Babako Zaho, sady le ro afaky mandefa ho Ahy fatiky anjely mandilatsy noho ty folo roa amby?⁵⁴ Fa anovy ino zay ro hahantanterahaky ty Soratsy Masy, ze mivola fa tsy maintsy hitsanga zay?"⁵⁵ Tamy andro zay Jesosy nivola tamy ty olo lako hozao: "Niavy miaraky amy ty meso-bey noho langilangy hanambotsy Ahy manahaky ty malaso va nareo? Isan'andro le nipetsaky nampianatsy tamy ty egilizy eo Zaho, fa tsy nisamborinareo."⁵⁶ Fa iaby zay le nitsanga mba hahantanteraky ze voasoratsy olo to-resaky rey." Bakeo niala Azy mpianatsy iaby rey ka le nilay.⁵⁷ Nandesy rey nanambotsy Azy tamy i Kaiafa any mpisorobey rey Jesosy, ze navory mpanora-dalà rey noho olo-bey.⁵⁸ Fa Petera nanoriky Azy baka lavitsy eny nana amy ty kianja ty mpisorobey eny. Nilitsy tanainy ao ie sady nipetsaky niaraky tamy mpiemby raharaha rey mba hahita ze hiafarany.⁵⁹ Sady ty bey ty mpisoro rey noho Synedriona iaby rey le nila fanasazia tsy marina manohitsy an'i Jesosy, mba mety ahafan-drozy mamono Azy.⁶⁰ Tsy nahita ndra ino ndra ino ndrozy, ndra le nisy mpitsanga vavolombelo lako tsy marina avy aza teo. Sady kelikely bakeo le nisy lera avy namonjy teo⁶¹ sady nivola hozao: "Lahilahy io ro nivola hozao: 'Afaky mandrava ty Egilizy Njanahary Zaho sady mampitsanga zay ndraiky afaky telo andro.'"⁶² Nitsanga azy mpisorobey iny ka le nanao taminy hozao: "Tsy manan-kavaly va Iha? Ino hahazoan-drozy Anao zay?"⁶³ Fa tsy nivola Jesosy. Hoy ty mpisorobey taminy hozao: "Mibeko Anao amy tyalalan-Janahary velo zaho, volano aminay laha Iha ro Kristy, Anan-Janahary."⁶⁴ Jesosy namaly azy hozao: "Voavolanao. Fa volaniko aminareo, manomboky zao le ho hitanareo ty Anak'Olo hipetsaky an-tana ankavana ty Hery eo, sady ho avy amy ty raho ty lanitsy eo."⁶⁵ Bakeo ty mpisorobey nanataky ty salotsiny sady nivola hozao: "Nivola raty Ie! Nanino tsika ro mbo mila mpitsanga vavolombelo? Ingo, renareo ty fivolana-raty zao."⁶⁶ Ino ro hevitsinareo?" Namaly ndrozy sady nanao hozao: "Maeva ty ho maty Ie."⁶⁷ Bakeo ndrozy nandora ty tarehiny noho namango Azy, sady namango tampify Azy,⁶⁸ sady nanao hozao: "Mananova to-resaky aminay, Kristy. Ia ro namango Anao?"⁶⁹ Sady Petera nipetsaky ambaliky kianja, sady nisy mpiasa ampela avy namonjy azy nivola hozao: "Iha avao koa ro niaraky tamy i Jesosy ty Galilia."⁷⁰ Fa nanda zay talohan-drozy eo ie, manao hozao: "Tsy haiko ze resahinareo."⁷¹ Lafa niboaky ty vavahady ie, le nisy mpiasa ampela hafa nahita azy sady nivola tamy zay rey teo hozao: "Lahilahy toy avao koa ro niaraky tamy i Jesosy baka Nazareta any."⁷² Mbo nandà ndraiky ie niaraky tamy ty fifanta hozao: "Tsy haiko lahilahy zay!"⁷³ Lafa afaky kelikely le namonjy ze nitsanga teo rey sady nivola tamy i Petera hozao: "Iha avao koa ro tena raiky amy rozy reny, fa ty fomba firesakinao ro mahazo anao."⁷⁴ Bakeo ie nanomboky nanao noho nifanta ka le nanao hozao: "Tsy haiko lahilahy zay." Sady teo noho eo naneno ty akoho.⁷⁵ Tiaro i Petera ty safa ambara i Jesosy hozao: "Mbo tsy maneno akoho le handà Ahy intelo iha." Bakeo ie niboaky sady nitany mare.

Chapter 27

¹Sady lafa avy ty maray, le nitetiky hanohotsy an'i Jesosy mba hamono Androzy ty bey ty mpisoro noho ty olo-bey iaby. ²Ndrozy namehy Azy, nitariky Azy tambaliky any, sady nanome Azy tamy i Pilato governora. ³Sady Jodasy, azy namitaky Azy iny, lafa nahita fa voheloky Jesosy, le nibebaky ie sady nampimpoly volafoty telopolo rey tamy ty bey ty mpisoro noho olo-bey rey, ⁴sady nivola hozao: "Nanota zaho tamy ty namitahako lio tsy manan-tsiny." Fa ndrozy nivola hozao: "Ahoanay ino? Anao zay." ⁵Le natorany tan-degilizy ao volafoty rey, sady niala, noho niboaky sady namonjy ty vatany Ie. ⁶Bey ty mpisoro rey nangalaky volafoty rey sady nivola hozao: "Tsy ara-dalà ty mampipetsaky toy amy ty fanajarian-jala, safe toy ro vilin-dio." ⁷Niara-niresaky olo ndrozy sady nivily ty baibo ty mpanao valany tanimanga ze handevena vahiny rey tamy kala rey. ⁸Sady zay ro fikqny nikaiha baibo zay hozao: "Baibo ty Lio" zisiky androany. ⁹Sady le tanteraky ze voavola tamy ty olo to-resaky jeremia, manao hozao: "Nangalaky tyvolafoty telopolo ndrozy, vily nanampea ty olo lakon'Israely rey Azy, ¹⁰sady ndrozy nanome zay ho ahy ty baibo ty mpanao valany tanimanga, manahaky ty nitoraha ty Tompo ahy." ¹¹Sady Jesosy nitsanga taloha ty governora eo, sady ty governora nanontany Azy hoe, "Iha va ro mpanjaka Jiosy rey?" Jesosy namaly azy hozao: "Voavolanao." ¹²Fa lafa nimpisazy ty bey ty mpisoro rey noho olo-bey rey ie, le tsy namaly ndra ino ndra ino. ¹³Le nivola taminy Pilato hozao: "Tsy renao va ty fanasazia iaby aminao ato." ¹⁴Fa tsy namaly ndra safa raiky aza Ie, tseriky tanteraky laha zay ty governora. ¹⁵Sady isaky ty fifaleafalea ro fomba ty governora ty mamototsy gadra raiky voatingy ty olo lako. ¹⁶Tamy fotoa io, nana gadra malaza raty kaihe hoe Barabasy nddozy. ¹⁷Laha zay lafa niara-nivoary ndrozy, le hoy Pilato tamin-drozy hozao: "Ia eo teanareo halefako ho ahy nareo? Barabasy, sa Jesosy ze kaihe hoe Kristy?" ¹⁸Hainay fa noho ty fialona ro nanomezan-drozy an'i Jesosy taminy. ¹⁹Laha nipetsaky tamy ty seza fitsara eo ie, le nandefa safa tamy ty valiny sady nanao hozao: "Tsy mana ndra ino ndra ino atao amy lahilahy tsy manan-tsiny toy zaho. Fa malahelo mare zaho androany noho ty azoko mikasiky Azy." ²⁰Sady ty bey ty mpisoro rey noho olo-bey nandresy lahatsy ty olo lako rey mba hangataky an'i Barabasy, sady hampamono an'i Jesosy. ²¹Nanontany androzy ty Governora hozao: "Ia amin-drozy roe ro teanareo halefako ho ahy nareo?" Hoy ndrozy hozao: "Barabasy." ²²Pilato nivola tamin-drozy hozao: "Ino ro tokony anoviko amy i Jesosy ze kaihy hoe Kristy?" Rozy iaby namaly hozao: "Fantsiho amy ty hazofijalea Ie." ²³Le hoy Ie hozao: "Nanino, ino ro heloky nanoviko?" Fa vo maiky ndrozy nikoraky mare hozao: "Fantsiho amy ty hazofijalea Ie." ²⁴Fa lafa hita i Pilato fa tsy afaky hanao ndra ino ndra ino ie, nefa fa nanomboky ty korakoraky, le nangalaky rano ie, nanasa ty tanany taloha ty olo lako eo, sady nanao hozao: "Tsy manan-tsiny amy ty lio lahilahy tsy man-tsiny toy zaho. Fa asanareo zay." ²⁵Olo iaby rey nivola hozao: "Ho aminay noho ty ananay lahy ty liony." ²⁶Le nalefany ho an-drozy Barabasy, fa nanisy karavasy an'i Jesosy ie sady nanome Azy ho fantsihy. ²⁷Bakeo maramila ty governora rey nangalaky an'i Jesosy handeha an-dapa ao sady namory goropy maramila iaby rey. ²⁸Nangalakh ty fisalorany bdrozy sady nampanao salotsy jaky Azy. ²⁹Nanambotsy satso-boninahitsy fitiky ndrozy sady nampipetsaky zay tan-dohany eo, sady nampipetsaky tehy tamy ty tanany ankavana eo. Nandohaliky tanilany eo ndrozy sady nikizaky Azy, nanao hozao: "Arahaba, mpanjaka ty Jiosy!" ³⁰Niroahin-drozy Ie, sady nalan-drozy ty tehy ke namango Azy mare le mare tamy ty lohany eo. ³¹Lafa baka nikizaky Azy ndrozy, le nangalaky ty salotsiny lava sady nampisalotsy Azy ty fisalorany, sady nanday Azy niboaky mba hamantsiky Azy amy ty hazofijalea. ³²Lafa niboaky ndrozy, le nahita pahilahy raiky baka Syrena any kaihe hoe Simona, ze niforisevan-drozy hiaraky amin-drozy mba hampitakony ty hazofijaleany. ³³Nana amy ty toera kaihy hoe Golgota ndrozy any, ze midika hoe "Toera ty Karandoha." ³⁴Namean-drozy divay mifangaro amy ty afero Ie mba hinomy. Fa lafa nandramanany zay, le tsy nino Ie. ³⁵Lafa nifantsihin-drozy tamy ty hazofijalea Ie, le nanovin-drozy loka ty fizara fisalorany rey, ³⁶ka le nipetsaky ndrozy sady nijano niemby Azy. ³⁷Tanabo ty lohany eo ro nametsahan-drozy soratsy mivola ty nanasazia Azy, ze mivaky hoe: "Toy ro Jesosy, mpanjaka Jiosy rey." ³⁸Nisy Malaso roe nifantsihy niaraky taminy, ty raiky tankavanany eo sady raiky tankaviany eo. ³⁹Ze nandalo rey ro nivola-bola Azy, nolikoly ty lohan-drozy ⁴⁰sady nanao hozao: "Iha ze handrava ty egilizy sady hamboatsy zay ndraiky anay ty telo andro ao, vonjeo ty vatanao! Laha Iha ro Anan-Janahary, mijotso baka amy ty hazofijalea eny!" ⁴¹Manahaky zay koa ty bey ty mpisoro nikizaky Azy, niaraky tamy mpanora-dalà rey noho olo-bey rey, sady nivola hozao: ⁴²"Nanavotsy hafa rey Ie, fa tsy afaky manavotsy ty vatany. Ie ro mpanjakan'Israely. Engao Ie hijotso amy ty hazofijalea eny, sady le hino Azy tsika." ⁴³Natoky an-Janahary Ie, engao Njanahary hamonjy Azy amy zao, laha manenky ty hanafaky Azy Njanahary. Fa ndra Ie aza ro nivola hozao: "Zaho ro Anan-Janahary." ⁴⁴Manahaky zay koa malaso ze nifantsihy niaraky taminy rey nivola fanivatova taminy avao koa. ⁴⁵Sady nanomboky tamy ty lera faha eny le nandrakotsy ty tany iaby ty haiky ka le zisiky amy ty lera faha sivy. ⁴⁶Tamy ty lera faha sivy eo, le nikoraky tamy ty feo mare Jesosy sady nanao hozao: "Ely, Ely, lamà sabaktani?" Ze midika hozao: "Njanahariko, Njanahariko, nanino ro niala Ahy Iha?" ⁴⁷Lafa re ty ilany tamy ze nitsanga teo rey zay, le hoy ndrozy: "Mikaiky an'i Elia Ie." ⁴⁸Teo noho eo ro nilay ty raiky tamin-drozy

sady nangalaky spaonjy, namonto zay tamy ty vinegra, nametsaky zay tamy ty tohitohy bararata, sady nanome zay Azy mba hinomy.⁴⁹ Ty ilany tamin-drozy nivola hozo: "Engao Ie. Hitantsika eo laha ho avy hamonjy Azy Elia." ⁵⁰Le nikoraky tamy ty feo mare ndraiky Jesosy sady nanome ty fanahiny.⁵¹ Ingo, ty siky ty egilizy nidriatsy roe zisiky anabo any kable zisiky ambany any, sady nihorohoro ty tany, sady nivaky sasaky lafiam-bato rey.⁵² Nivoha lolo rey, sady ty fatin'olon-Njanahary lako ze nimaty rey ro nitsanga. ⁵³Ndrozy ro niboaky baka amy ty lolo tafara ty fitsanganany tamy maty ao, nilitsy ty tanà masy, sady niboaky tamy ty lako.⁵⁴ Sady kapiteny rey noho ze nanenty an'i Jesosy rey lafa nahita ty horohoron-tany noho raha ze nitsanga rey, le nanjary natahotsy mare sady nanao hozo: "Anan-Janahary marina toy." ⁵⁵Nisy Ampela lako ze nanoriky an'i Jesosy zisiky a-Galilia any mba hikarakara Azy teo nanenty baka lavitsy eny. ⁵⁶Tamin-drozy Maria Magdalena, Maria reny i Jakoba noho Josefa, sady ty reny anakilahy i Zebedio rey.⁵⁷ Lafa hariva ty andro, le nisy lahilahy raiky manan-kanana baka Amrmatia any niavy, kaihe hoe Josefa, ze mpianatsy i Jesosy avao koa. ⁵⁸Namonjy an'i Pilato ie sady nangataky ty faty i Jesosy. Le nibekoe i Pilato hamea azy zay.⁵⁹ Nangalaky faty Josefa, namono zay tamy ty siky tongony malio, ⁶⁰sady nampiemby zay tamy ty lolony vaovao ze nilavahany tamy ty lafiam-bato. Le nanodiky vato bevata hanohana ty varavara ty lolo ie sady niboaky. ⁶¹Maria Magdalena noho Maria hafa rey ro eo, nipetsaky tamy sisiny ty lolo eo.⁶² andro manaraky, ze andro afara ty Fanomana, le niara-nivory tamy i Pilato bey ty mpisoro rey noho Fariseo rey. ⁶³Hoasan-drozy hozo: "Tompoko, tiaronay fa tamy ty mbo velo mpamitaky iny, le hoy Ie hozo: 'Afara ty telo andro, le hitsanga ndraiky Zaho.' ⁶⁴Ka le laha zay, mibekoa mba ho ambena ty lolo zisiky amy ty andro faha telo, laha tsy zay mpianatsiny rey mety ho avy sady hangalatsy Azy le hivola amy ty olo hozo: 'Nitsanga tamy maty Ie', sady ty fitaky farany ro ho raty noho azy tamy ty velohany iny."⁶⁵ Hoy Pilato tamin-drozy hozo: "Mangalà mpiemby. Mandehana sady embeno soa manahaky ze vitanareo zay." ⁶⁶Le nandeha ndrozy sady niemby ty lolo, nanisy tampô ty vato sady nampipetssy ty mpiemby.

Chapter 28

¹Sady tamy ty haly ty Sabata, laha vo nanomboky harivariva ty andro velohany amy ty herin'andro, le lasa nandeha nanenty ty lolo Maria Magdalena noho azy Maria raiky hafa iny. ²Ingo, nisy horohoron-tany bey, fa ty anjely ty Tompo ro nijotso baka an-danitsy any, niavy sady nanodiky ty vato, ka le nipetsaky tanabo zay eo. ³Ty endriky ro manahaky ty helatsy, sady ty salony le foty manahaky ty zavoky. ⁴Natahotsy mpiemby rey ka le nanjary nanahaky ty lahilahy maty. ⁵Niresaky tamy ampela rey anjely iny sady nivola tamin-drozy hozao: "Ka matahotsy, haiko fa mila an'i Jesosy nareo, azy nifantsihy tamy ty hazofijalea iny. ⁶Tsy ato Ie, fa nitsanga, manahaky ty fa nivolaniny. Avia henteo ty toera ze niroro ty Tompo. ⁷Mandehana malaky sady volano mpianatsiny rey hozao: 'Nitsanga tamy maty Ie. Ingo, fa nandeha aloha nareo a-Galilia any Ie. Any ro hahitanareo Azy.' Ingo, fa voavolako taminareo." ⁸Niala malaky ty lolo tamin-tahotsy noho tamy ty hafalea bevata ampela rey, sady nilay mba hivola mpianatsiny rey. ⁹Ingo, nitojiky tamin-drozy Jesosy sady nivola hozao: "Arahaba!" Namonjy ampela rey, nitandraky ty tombony sady nanompo Azy. ¹⁰Sady bakeo Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Ka matahotsy. Mandehana nivola amy rahalahiko rey mba hiala ka le hitandraky an'i Galilia. Any ro hahitan-drozy Ahy." ¹¹Sady lafa mbo nandeha iny ampela rey, ingo, ty ilany tamy mpiemby rey nana amy ty tanà-bevata any sady nivola tamy ty loha ty mpisoro ty raha iaby ze niboky. ¹²Lafa nitojiky tamy olo-bey ty mpisoro rey sady niresaky mikasiky ty raha nahazo androzy, le nanome jala bevata maramila rey ndrozy ¹³sady nivola androzy hozao: "Ambarao amy ty hafa rey hozao: 'Niavy tamy ty andro haly mpianatsy i Jesosy rey sady nangalatsy ty vatany laha mbo niroro zahay.' ¹⁴ha niavy amy governora any tatitsy zay, le handesy lahatsy azy tsika sady hangalaky ty ahiahy zminareo." ¹⁵Sady le nala ty maramila ty jala sady nanao manahaky ze fa nivolany azy rozy. Sady tatitsy zay ro niparitaky tamy Jiosy rey sady mitohy zisiky amy zao aza. ¹⁶Fa nana Galilia any mpianatsy folo raiky amby rey, tamy ty vohitsy ze fa natoro i Jesosy androzy any. ¹⁷Lafa nahita Azy ndrozy, le nanompo azy, fa ty ilany koa niahiahy. ¹⁸Namonjy androzy Jesosy ka le niresaky tamin-drozy sady nivola hozao: "Fa namea Ahy ty fahefa iaby an-danitsy any noho an-tany etoy. ¹⁹Ka mandehana sady anovo lasa mpianatsiko ty firenea-iaby. Anovo batisa rozy amy ty anara Njanahary, ty Anaky, sady ty Fanahy Masy. ²⁰Ampianaro androzy hanenky ty raha iqby ze nibekoako anareo. Ingo, miaraky aminareo Zaho, eka fa ndra zisiky amy ty fohafara ty tany iaby toy aza."

Mark

Chapter 1

¹Toy ty fanomboha ty filazantsoa i Jesosy Kristy, azy Anan-Janahary iny. ²Manahaky ze voasoratsy amy Isaia ao olo to-resaky hozao: "Ingo, Zaho miaraky ty irako hitariky Anao, azy raiky hamboatsy ty lalanao iny. ³Misy feo mikaiky mare an'efitsy any hozao: "Anovo vonona ty lala ty Tompo; anovo mahity ty lala andehanany." ⁴Niavy Jaona, nana batisa tan'efitsy any sady nanambara ty batisa ty fibebaha ho amy ty fanenga ty-heloky noho ty ota. ⁵Ty tany i Jodia iaby noho ty olo mipetsaky iaby a-Jersalema ao le avy namonjy azy. Nanoviny batisa tamy ty renirano i Jordana ndrozy, lafa niaiky ty fahotany. ⁶Jaona ro nisalotsy siky volon-drameva sady nanao santira hi.otsy tam-balahany eo, sady galala noho tantely remby ro nihaniny. ⁷Nanambara ie hozao: "Misy raiky ho avy manoriky ahy ze mahery mandilatsy ahy, sady tsy maeva zaho ndra le ty hamaha ty fehikan-kapany aza. ⁸Zaho nanao batisa anareo tamy ty rano, fa Ie koa hanao batisa anareo amy ty Fanahy Masy. ⁹Tamy andro niavia i Jesosy baka Nazareta any ta Galilia ao ro nitsanga zay, sady nanovy i Jaona batisa tamy ty renirano i Jordana Ie. ¹⁰Laha vo niboaky ty rano Jesosy, le hitany nivoha ty lanitsysady nijotso taminy eo manahaky ty pizon ty Fanahy. ¹¹Sady nisy feo baka an-danitsy any nanao hozao: "Iha ro Anako malalako. Iha ro sitsako." ¹²Bakeo le nitaomy ty Fanahy ho an'efitsy any Jesosy. ¹³Efapolo andro Ie ro tan'efitsy any, nala ty satana fanahy. Nipetsaky niaraky tamy ty bibi-li Ie, sady nanompo Androzy anjely. ¹⁴Sady lafa voasambotsy Jaona, le niavy ta Galilia ao Jesosy nanambara ty filazantsoan-Janahary, ¹⁵sady nivola hozao: "Fa niavy ty fotoa, sady fa mariny ty fanjakan-Janahary. Mibebaha le minoa ty filazantsoa." ¹⁶Lafa nandeha tamy sisin-driaky i Galilia eny Ie, le nahita an'i Simona noho Andrea rahalahy i Simona nihaza, safe mpihaza ndrozy. ¹⁷Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Avia, manoriha Ahy, fa anoviko mpihazan'olo nareo." ¹⁸Teo noho eo ro nanenga ty harato ndrozy ka le nanoriky Azy. ¹⁹Lafa nandeha lavidavitsy Jesosy, le nahita an'i Jakoba ana i Zebedio noho Jaona rahalahiny; ze tan-daka ao namboatsy ty harato. ²⁰Nikaiky androzy Ie ka le nialany tan-daka ao direkita Zebedio babany niaraky tamy mpikarwma rey, ka le nanoriky Azy ndrozy. ²¹Bakeo le avy ta Kapernaomy ndrozy, sady tamy ty andro Sabata, le nilitsy tamy ty synagoga ao Jesosy sady nampianatsy. ²²Jilo tamy ty fampianara ndrozy, safe nampianatsy androzy manahaky ty olo mana fahefa Ie fa tsy manahaky mpanira-dalà rey. ²³Bakeo nisy lahilahy raiky tamy ty synagogan-drozy ao ze nana fanahy maloto

nikoraky mare, ²⁴ nanao hozao: "Ino ro hifandrambesanay aminao, Jesosy baka Nazareta any? Niavy hanimba anay va Iha? Haiko hoe ia Iha. Iha azy Masin-Janahary iny!" ²⁵ Nivola mare ty demonia Jesosy ka le nanao hozao: "Ka mivola aminy!" ²⁶ Sady azy fanahy maloto iny nandavo azy noho nihoaky taminy ka le nikaiky tamy ty feo mahery. ²⁷ Jilo ty olo iaby, ka le nifanontany ndrozy hozao: "Ino toy? Fampianara vaovao misy fahefa? Bekoany ndra le fanahy maloto rey aza sady manenky Azy ndrozy!" ²⁸ Ty vaovao mikasiky Azy le niparitaky teny iaby tamy ty faritsy i Galilia raiky iaby ao. ²⁹ Lafa baka nihoaky synagoga, le avy tan-tsano i Simona ao noho Andrea ndrozy, niaraky tamy i Jakoba noho Jaona. ³⁰ Sady ty rafoza-ampela i Simona niroro narary ty tazo, ka le nivolanin-drozy an'i Jesosy ty mikasiky azy. ³¹ Le namonjy Ie, ka le nandramby azy tamy ty tanany, sady nanary azy; le afaky ty tazony, sady nanomboky nanompo androzy ie. ³² Tamy hariva io, tafara ty filentea ty masoandro, le nandesin-drozy taminy eo ze narary iaby ndra misy demonia. ³³ Tafavory niaraky tam-baravara ty tanà iaby ao. ³⁴ Nanafaky olo lako ze narary ty arety samby hafa Ie sady nandroaky demonia lako, fa tsy nengany hivola demonia rey safe nahay Azy ndrozy. ³⁵ Nifoha marain-drain biby Ie, laha mbo maiky ty andro; niala teo Ie ka le nandeha tamy ty toera mitoka any sady teo Ie ro nivavaky. ³⁶ Nila Azy Simona noho ze niaraky taminy rey. ³⁷ Nahita Azy ndrozy sady nivola taminy hozao: "-Mila Anao ty olo iaby." ³⁸ Hoy Ie hozao: "Andao tsika ho amy ty toera-hafa any, ambaliky any amy tanà miodidy rey ao, mba hafahako manambara safa any koa. Fa zay ro dikany nihoahako tatoy." ³⁹ Le nitety an'i Galilia iaby Ie, nanambara safa tamy ty synagogan-drozy ao sady nandroaky demonia lako. ⁴⁰ Nisy boka raiky niavy taminy eo. Nangataky taminy ie; nandohaliky Taminy eo sady nivola taminy hozao: "Laha enkenao, le afaky manalio ahy Iha." ⁴¹ Mahaferinay azy, le nanampatsy ty tanany Jesosy sady nikasiky azy, nanao taminy hozao: "Enkeko. Maliova iha." ⁴² Niala taminy direkita ty haboka, nalio ie. ⁴³ Nampiemby mare azy Jesosy sady nandefa azy. ⁴⁴ Hoy Ie taminy hozao: "Embeno tsy hivola ndra ino ndra ino amin'ia ndra amin'ia iha, fa mandehana, atoro amy ty mpisoro ty vatanao, sady mananova fanomezana noho ty fanaliova anao manahaky ty nibekoa i Mosesy, mba ho fitsangana vavolombelo ho androzy." ⁴⁵ Fa nihoaky ie sady nanomboky nivola tamy ty olo iaby noho nampiparitaky mare ty sfa ka le tsy afaky nilitsy malalaky tamy ty tanà iaby ao sasy Jesosy. Ka le nipetsaky tambaliky any tamy ty toera mitoka Ie sady namonjy Azy ty olo baka amy ty toera iaby.

Chapter 2

¹Lafa nimpoly ta Kapernaomy ao Ie afaky andro kelikely, le re fa tan-tsano ao Ie. ²Lako vatany ty olo nivory teo avao ka le tsy nisy toera sasy, ndra le ty tam-barava eo aza, sady nanambara ty safa tamin-drozy Jesosy. ³Le nisy lahilahy lako namonjy Azy ze nanday lahilahy malemy raiky; ze nitakonin'olo efa-dahy. ⁴Lafa tsy afaky namonjy Azy mariny ndrozy noho ty halakoa ty olo lako, le nalan-drozy ty tafon-tsano ze tanabo i Jesosy eo, sady lafa voasoratsin-drozy, le nampijotsoan-drozy ty fandrea ze niriro azy lahilahy malemy iny. ⁵Lafa nahita ty finoan-drozy, le hoy Jesosy tamy azy lahilahy malemy iny hozao: "Anaky, voaenga ty helokinao." ⁶Sady nisy ilany tamy mpanora-dalà nipetsaky teo rey, ka le nimenimeny tan-gadran-drozy ao hoazo: ⁷"Ino ro ahafaha lahilahy io mivola manahaky zay? Mivola raty Ie! Fa tsy Njanahary raiky avao va ro afaky mqnenga heloky?" ⁸Fa Jesosy nahay direkita tamy ty fanahiny ty raha nieretseretin-drozy. Sady hoy Ie tamin-drozy hozao: "Nanino nareo ro mieritseritsy raha zay am-ponareo ao? ⁹Inono ro moramora vatany ty mivola amy azy lahilahy malemy iny hozao: z'Voaenga ty helokinao' sa ty hozao: 'Mitsangana, ondrono ty kitselinao'?" ¹⁰Fa mba hafahanareo fa mana fahefa hanenga heloky an-tany etoy ty Anak'Olo," hoy Ie tamy azy makemy iny hozao: ¹¹"Volaniko aminao, mitsangana, ondrono ty kitselinao, le mandehana an-tsanonao any". ¹²Le nitsanga ie ka le nanondro ty kitseliny direkita, sady niboaky tsano aloha ty iaby iny, ka le jilo rozy iaby ka le nanome voninahitsy an-Janahary, sady hoy ndrozy hozao: "Tsy mbo nahita raha manahaky toy zahay." ¹³Bakeo niboaky tamy sisin-driaky ndraiky Ie, sady namonjy azy iaby ty olo lako, ka le nampianariny androzy. ¹⁴Sady lafa nandalo Ie, le nahita an'i Levi ana i Alfeo nipetsaky tamy ty toera famoria haba eo ka le hoy Ie taminy hozao: "Manoriha Ahy." Le nitsanga ie ka le nanoriky Azy. ¹⁵Nihina tan-tszno i Levy ao Jesosy sady mpamory haba noho olo mpanota lako ro niara-nihina taminy noho mpianatsiny rey, fa lako ndrozy ro tao sady nanoriky Azy. ¹⁶Sady mpanora-dalà rey, ze Fariseo, lafa nahita an'i Jesosy niara-nihina tamy olo mpanota rey noho mpamory haba rey, le nanontany ty mpianatsiny hozao: "Nanino Ie ro miara-mihina amy ty mpamory haba noho olo mpanota rey?" ¹⁷Lafa nahare zay Jesosy le hou Ie tamin-drozy hozao: "Tsy ty dalama ro mila mpitaha; fa ze marary raiky avao ro mila zay. Tsy avy hikaiky ty olo-marina Zaho, fa ty olo mpanota." ¹⁸Sady nifaly hany mpianatsy i Jaona noho Fariseo rey. Lahilahy lako ro namonjy Azy ka le nivola taminy hozao: "Nanino ty mpianatsy i Jaona noho ty mpianatsy Fariseo rey ro mifaly hany, fa ty mpianatsinzo koa tsy mba mifaly?" ¹⁹Le hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Afaky mifaly hany va ty mpanatsiky ty fampiakara laha mbo eo ty mpampiakatsy? Laha mbo miarakany amin-drozy eo ty mpampiakatsy, le tsy afaky mifaly hany ndrozy." ²⁰Ho avy ty andro hangala ty mpampiakatsy amin-drozy eo, le amy andro zay, ro hifaly hany ndrozy. ²¹Tsy misy manany siky tonta amy ty siky vaovao, aha tsy zay le hiala aminy azy tapa-tsiky inyl ty vaovao hiala amy ty taloha, sady vo maiky ho ratyty fitataha. ²²Sady tsy misy olo manisy divay vaovao anay sihoa holitsy tonta ao, laha tsy zay le ho tataky ty divay ty holitsy ka le samby ho tsobo ty divay noho ty sihoa holitsy. Fa koa, divay vaovao atao anay sihoa holitsy vaovao ao." ²³Tamy andro sabata Jesosy nandeha tamy ty tanimbary lako eny, sady nanomboky nihary salohimbary ty mpianatsiny. ²⁴Le hoy Fariseo rey Taminy: "Hentao, nanino ndrozy ro manao raha tsy manahaky ty lalà ty andro Sabata?" ²⁵Le hoy Ie tamin-drozy hozao: "mbo tsy nivakinareo va ze nanovy i Davida lafa tanay ty tsy fahampea noho hamosary ao ie_ noho lahilahy niarakany taminy rey_ ²⁶ino ty fomba nilirany tan-tsanon-Janahary ao tamy ty andro i Abiataran mpisorobey, ka ke nihina ty mofo ty namonjea, ze tsy ara-dalà ho an'ia ndra ia ty mihina azy hafa-ty ty mpisoro avao, sady mbo nanomezany lako ze niarakany taminy rey aza?" ²⁷Jesosy nivola hozao: "Ty Sabata ro nanovy ho ahy ty anak'olombelo, fa tsy ty anak'olombelo ro ho ahy ty Sabata. ²⁸Laha zay, ty Anak'Olo ro Tompo, ndra ke amy ty Sabata aza."

Chapter 3

¹Le nandeha tamy ty synagoga ao ndraiky Jesosy sady nisy lahilahy maty tana ao. ²Nanenty mariny Azy ty olo sasantsasany mba hahita laha hanafaky azy amy ty Sabata le mba afahan-drozy manasazy Azy. ³Hoy Jesosy tamy azy lahilahy maty tan-tanà iny hozao: "Mitsangana sady mitsangana anivo ty olo-iaby eto." ⁴Le nivola tamy ty olo le hozao: "Ara-dalà va ty manao soa amy ty andro Sabata sa ty manao raty; ty mamonjy ay, sa ty mahafaty?" Nefa ndrozy tsy nahalao-safa. ⁵Nanenty, androzy tamin-keloky Jesosy, sady nalehelo le noho ty hahery ty fon-drozy, le nivola tamy azy lahilahy iny le hozao: "Amparo ty tananao." Le natsotsa azy lahilahy iny ty tanany ka le afaky. ⁶Niboaky fariseo rey sady nandohaliky malaky niaraky tamy Herodiana hila ze fomba hamonoa Azy. ⁷akeo Jesosy, niaraky tamy mpianatsiny rey, nana an-driaky any, sady nisy olo lako mare nanoriky baka Galilia any noho baka Jodia any ⁸sady baka Jerosalema any noho baka Edoma any sady zisiky amy ty renirano i Jordana any noho miodidy ty Tyra noho Sidona. Lafa nahare mikasiky raha nanoviny rey ndrozy, le nisy olo lako mare nana aminy eo. ⁹Le nampila laka ty mpianatsiny Jesosy ho Azy noho ty halakoa ty olo teo, mbo tsy hifanoseha ty olo le. ¹⁰Laha le nanafaky olo lako, le nifandrobaky namonjy Azy ty olo-iaby ze nana arety mba hikasiky Azy. ¹¹Isaky ty nahita Androzy fanahy maloto, le nandohaliky talohany eo sady nikoraky, sady hoy ndrozy hozao: "Iha ro Anan-Janahary." ¹²Nivolaniny mare mba tsy hampahay Azy rey. ¹³Niakatsy tam-bohitsy eny le, sady nikaiky ze teany rey, le nana aminy eo rey. ¹⁴Nanondro folo roa amby rey le (ze nikaihiny hoe Apostoly), mba hafahan-drozy miaraky aminy noho hafahany mandefa androzy manambara ty hafatsy, ¹⁵sady hana fahefa handroaky demonia. ¹⁶Bakeo le nanondro folo roa amby rey le: Simona, ze namewny anara hoe Petera; ¹⁷Jakoba ana i Zebedio, noho Jaona rahalahiny, ze nameany ty anara hoe Boanarijesy, ze midika hoe, ana-baratsy; ¹⁸sady Andrea, Filipino, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba ana i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, ¹⁹sady Jodasy Iskariota, ze hamitaky Azy. ²⁰Le nolu tan-tsano any le, sady niaraky-niavy ndraiky ty olo lako, hondy ka ke tsy afaky nihina vatany ndrozy. ²¹Lafa nahare ty mikasiky zay ty longony, le niboaky ndrozy hangalaky Azy, safe nivolanin-drozy hozao: "Gegy le." ²²Sady mpanora-dalà ze nijotso baka Jerosalema any rey le nivola fa: "Ipetsaha i Belzeboba le", ka le, "Amy ty alala ty mpanapaky ty demonia ro androahany ty demonia." ²³Le nikaihy i Jesosy hana aminy eo rey ka le nivola androzy tamy ty alala ty fanohara hozao: "Ino ro hafaha i Satana mandroaky an'i Satana?" ²⁴Laha misy fanjaka mialy an-tsano, le ho rava zay. ²⁵Sady laha misy toka-tsano mialy an-tsano, le tsy haharitsy toka-tsano zay. ²⁶Laha nitsanga nanohitsy tyvatany Satana rey sady nisaraky, le tsy haharitsy, ka le hotampitsy. ²⁷Fa tsy misy afaky militsy amy ty tsano lahilahy raiky mahery ao sady mandrava ty fananany laha tsy mamehy azy mahery aloha iny, sady handrava ty tsanony ie bakeo. ²⁸Volaniko aminareo amrina, ho voaenga iaby ty heloky ty anak'olombelo, ndra ro safa raty iaby ze aboaky ty vavany rey aza, ²⁹fa ze mivola raty ty Fanahy Masy koa ro tsy ho voaenga heloky zisky farany, fa neloky noho ty ota zisiky farany." ³⁰Nanambara zay jesosy noho ty fanambaran-drozy hozao: "Mana fanahy maloto le." ³¹Bakeo le niavy ty reniny noho rahalahiny rey sady nitsanga tambaliky eny. Nandefa olo nampahay Azy ndrozy, ka le nampikaiky Azy. ³²Nipetsaky miodidy Azy ty olo lako sady hoasan-drozy taminy hozao: "Ty reninao noho rahalahinao rey ro ambaliky ao, sady mila anao ndrozy." ³³Sady le namaly hozao: "Ia ro reniko noho rahalahiko?" ³⁴Sady nanenty niodidy tamy ty olo nipetsaky miodidy Azy le sady hoy le hozao: "Hentao, ndreto ty reniko noho ty rahalahiko!" ³⁵Fa ndra ia ndra ia manao ty sitsapon-Janahary, le olo zay ro rahalahiko, noho anabaviko, sady reniko."

Chapter 4

¹Sady nanomboky nampianatsy tamy sisiny ty riaky eo ndraiky Ie, sady nisy olo lako bey nivory niodidy Azy. Nilitsy tan-daka ao ze tan-driaky ao Ie, sady nipetsaky tamy zay. Ty olo lako iaby koa ro nijano tamy sisiny ty riaky eo.

²Nampianatsy androzy raha lako rey tamy ty alala ty fanohara Ie, sady tamy ty fampianarany ao, le zao ro volaniny tamin-drozy.³an'jino, nisy mpandraraky handeha handraraky voa. ⁴Sady laha nandraraky ie, le nisy voa ilany niaraky tamy alala, ka le avy voro rey sady nihina zay. ⁵Ty voa ilany niaraky tamy ty tany atsiky vatovato, ze tsy nisy tany firy. Avy le nitimoky direkita rozy rey, safe tsy laliky ty tany nisy azy. ⁶Fa lafa niboaky ty masoandro, le nalazo ndrozy, sady safe tsy nisy fotony ndrozy, le maiky. ⁷Ty voa hafa niroaraky tamy ty tany atsiky fatiky. Sady nitimoky niha-bevata fatiky rey le nanasazy azy, ka le tey namoa voa. ⁸Ty voa hafa niaraky tamy ty tanybsoa ka le namokatsy voa tam-pitombo eo sady nihalako, sady ty ilany nitombo in-telopolo, ty ilany enimpolo, sady ty ilany zato." ⁹Bakeo le hoy Ie hozo: "Ze manan-tsofy handesiny-mijan'ny, engao ie hijan'ny!"¹⁰Lafa Jesosy raiky, ro nanontany Azy mikasiky fanohara io ze mariny Azy noho mpoanatsiny folo roamby rey. ¹¹Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Ho ahy nareo ro nanomeza ty raha-tsy hita ty fanjakan-Janahary. Fa ho ahy ze ambaliky any rey le fanohara iaby, ¹²mba amy ty fotoa hanentean-drozy, eka hanenty androzy, nefa tsy hahita, sady mba amy ty fotoa hijan'jinan-drozy, eka hahare androzy, nefa tsy hahay zay, ndra koa hiodiky androzy le hamalo fo amin-drozy Njanahary."¹³Sady hoy ie tamin-drozy hozo: "Tsy azonareo va fanohara zay? Ino zay ro hahazoanareo fanohara hafa iaby zay?" ¹⁴Azy mpamboly ze mandraraky ty voa iny ro azy raiky ze mandraraky ty safa iny. ¹⁵Ndreto ro azy niaraky tan-dala eny iny, ze nandraraha ty safa, fa lafa ren-drozy zay, le avy direkita Satana sady hangalatsy ty safa ze voarakaky tamin-drozy.¹⁶Ndreto ro azy voarakaky tamy ty tany atsiky vatovato iny, ze, lafa nahare ty safa, le nandramby zay direkita tam-pifalea. ¹⁷Tsy misy fotony amin-drozy ao ie, fa ela fotoa tsy ampy avao. Le avy ty fijalea ndra ty fanenjeha noho ty safa, ka le direkita le lavo ndrozy.¹⁸Hafa rey ro azy vorarakaky tamy ty tany jatsiky fatiky iny. Ren-drozy ty safa, ¹⁹fa ty fanahy ty tany iaby toy, ty famitaha ty hanana, noho ty filà ty raha hafa le tafilitsy ka le manasazy ty safa, ka le tsy mamoa vokatsy zay. ²⁰Sady ze voarakaky safa amy ty tany soa rey ro ze mahare ty safa sady nandramby zay, ka le mamoa vokatsy androzy_ telopolo, enimpolo, ndra mitombo zato ze nararaky."²¹Jesosy nivola tamin-drozy hozo: "Moa andesinao an-tsano ao va ty jiromba ho anovy ambany sobiky ao, ndra ambany ty kitsely? Andesinao militsy zay le hanovinao anabo ty fipetsahan-jiro. ²²Fa tsy misy raha-tsy hita ze tsy ho hay, sady tsy misy tsiambaratelo ze tsy hiboaky. ²³Laha misy manan-tsofy handesiny-mijan'ny, engao ie hijan'ny!"²⁴Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Miembena amy ty safa ze renareo, fa arakaraky ty hohztsy anoharanareo avao, ro anohara anareo, sady ho ampea aminareo zay. ²⁵Safe ndra ia ndra ia mana, le hanome lako vatany ie, sady ndra ia ndra ia tsy mana, ndra ze ananany aza hala aminy."²⁶Sady hoy avao koa Ie hozo: "Ty fanjakan-Janahary ro manahaky ty olo raiky mandraraky ty voany amy ty tany. ²⁷Miroro ie amy ty haly sady mifoha amy maray, sady ty voa ro mitimoky kable maniry, fa tsy hainy hoe ino. ²⁸Ty tany ro mamoa amy ty vatany avao: velohany ty fotony, bakeo ty tahony, bakeo ty voa matoe amy ty tahony eo. ²⁹Sady lafa matoe ty voa le avy zisiky any ie le handefa fambolea, fa avy ty fotoam-pambolea."³⁰Sady hoy ndraiky Ie hozo: "Ino ro azontsika ampitovizy ty fanjakan-janahary, ndra ino ndra ino ro fanohara hampiasantsika hanazava zay?" ³¹Zay ro manahaky ty voatsinapy zay, lafa hararaky, le ie ro voa kelikely bibike amy ty goa iaby anabo ty tany eto. ³²Nefa voarakaky zay, le mitimoky sady nanjary bevata noho ty hazo iaby, sady mamoa rantsa bevata, ka le azo ty pizon hanova tsanony amy ty alokiny eo."³³Sady fanohara ako manahaky zay ro nambarany ty safa tamin-drozy, manahaky ze fahazoan-drozy azy, ³⁴sady tsy nivola tamin-drozy hafa-tsy tamy ty fanohara Ie. Felafa raiky Ie, le nihazavany tamy mpianatsiny rey manoka ty raha iaby.³⁵Tamy andro zay, lafa avy ty hariva, le hoy Ie tamin-drozy hozo: "Andao tsika hita amy sisiny eroy." ³⁶Ka le niala tamy olo lako rey eo ndrozy, nanday an'i Jesosy niaraky tamin-drozy, lafa Ie iny, tanay laka iny ao. Nisy laka hafa nandeha niaraky taminy. ³⁷Bakeo nanomboky nisy talio bevata sady ty onjan-drano nanafotsy ty laka ka le fa ho niatsiky rano ty laka.³⁸Sady Jesosy raiky niroro tafara ty laka eo, tanabo ty onda. Nifohazin-drozy Ie, nanao hozo: "Mpampianatsy e, tsy mampanino Anao va laha ho maty eto tsika?" ³⁹Sady nifoha Ie, le nivola mare tamy ty tsioky, sady nivola tamy ty riaky hozo: "Mijanona! mienena!" Sady nijano ty tsioky, ka le nisy fienena bevata.⁴⁰Sady hoy Ie tamin-drozy hozo: "Nanino nareo ro matahotsy? Mbo tsy manam-pinoa avao va nareo?" ⁴¹Atsiky fahotsy ndrozy ka ke nifampivola hozo: "Ia moa toy, fa ndra le ty tsioky noho ty riaky aza manenky Azy?"

Chapter 5

¹Avy safa amy sisiny ty riaky ndrozy, tany ty faritsy i Gerasena ao. ²Lafa niala baka amy ty laka ao Jesosy, direkita le nisy lahilahy raiky azo ty fanahy maloto namonjy Azy baka amy safa amy ty lolo. ³Nipetsaky tany ty lolo eny lahilahy toy. Tsy nisy afaky nitandraky azy sasy, ndra le tany ty rojo vy aza. ⁴Voafehy lako tany ty gadra vy noho rojo vy ie. Nitapaha rojo rey sady toro gadra vy rey. Tsy nisy nana hery nifehy azy. ⁵Isaky haly noho isan'andro tany ty lolo eny noho tam-bohitsy eny, le nikorakoraky ie sady nandratsy ty vatany tany ty vato maranitsy. ⁶Lafa nahita an'i Jesosy baka lavitsy ie, le nilay nana aminy eo sady nandohaliky talohany eo. ⁷Sady nikoraky tany ty feo mahery ie hozo: "Ino moa ro ifandrambesako aminao, Jesosy, Anan-Janahary Abo bibike? Mangataky anao amy ty anaran-Janahary raiky avao zaho, ka mampijaly ahy." ⁸Fa le nivola taminy hozo: "Miboaha amy lahilahy io, fanahy maloto e." ⁹Ie nanontany azy rey hozo: "Ia ro anaranao?" Ka le nivaliny hozo: "Legiona ro anarako, safe lako mare zahay." ¹⁰Sady nangataky mare Taminy zisiky any zisiky any ie tsy handroaky androzy ambaliky ty faritsy eny. ¹¹Sady nisy koso lako niaraky tam-bohitsy eny, ¹²sady nangataky taminy ndrozy, nanao hozo: "Alefaso amy koso rey eo zahay; engao zahay hilitany amy rey ao." ¹³Ka le nengany ndrozy; sady niboaky fanahy maloto rey ka le nilitsy tany koso rey ao, sady avy le nirifatsy tany ty hantsa eny ho an-driaky any reh, sady koso tany ty roa ariavo eo ro maty an-driaky eo. ¹⁴Niala nilay nampihina ty koso rey sady nanesy ty raha-niboaky tan-tanà ao noho tam-bohitsy ao, sady olo lako ro niboaky hihaza ty raha-niboaky. ¹⁵Bakeo ndrozy nana amy I Jesosy eo sady hitan-drozy azy lahilahy nipetsaha ty demonia iny, azy raiky ze nipetsaha ty legionina iny, nipetsaky teo, nisalotsy sady ampy say; ka le natahotsy ndrozy. ¹⁶Ze nahita ty raha-niboaky rey tany azy lahilahy iny nipetsaha ty demonia le nitantara tamin-drozy ty mikasiky zay tany ty antsipirihany, sady koa nitantara mikasiky koso rey tamin-drozy. ¹⁷Le nanomboky nangataky Azy ndrozy mba hialany amy ty faritsin-drozy eo. ¹⁸Lafa hiakatsy tany ty laka ao Ie, le nangataky taminy azy lahilahy nipetaha ty demonia iny mba hiaraky aminy. ¹⁹Fe tsy nanenga azy nefa Jesosy, fa nanao taminy hozo: "Mandehana moly amy ty tsanonao any noho ty longonao sady hainao amin-drozy ze nanovy ty Tompo taminao, noho ty namalo fo taminao!" ²⁰Le nandeha noly ie sady nanomboky nanambara ty raha-iaby ze nanovy i Jesosy taminy ta Dekapolisy any, sady jilo ty iaby. ²¹Sady lafa nandeha tany sisiny eny ndraiky Jesosy, tany laka, le dreo nisy olo lako mare nivory niodidy Azy, laha tany sisiny ty riaky iny eny Ie. ²²Bakeo niavy ty raiky any mpitariky ty synagoga rey, anovy hoe Jairo, ka le laha vo nahita Azy, le niantoraky tan-tombony eo. ²³Nangataky zisiky any le zisiky any ie, nanao hozo: "Marary mare fa ho maty ty anak'ampelako. Mangataky aminao zaho, avia sady apetsaho aminy ty tananao mba ho afaky noho velo ie." ²⁴Le nandeha niaraky taminy Ie, sady olo lako mare rey ro nanoriky noho nanao forise niodidy Azy. ²⁵Sady nisy ampela raikg tao voa ty fahatsoboan-dio tanay ty folo roa amby tao. ²⁶Nijaly mare vatany sady nitety mpitaha lako noho nandany ty hananany iaby rey, neka tsy nahita fanafaha ta vo maiky aza niharaty. ²⁷Lafa nahare tatitsy mikasiky i Jesosy rey ie, le nana afarany ao tanay olo lako ao ie sady nikasiky ty fisalorany. ²⁸Safe hoy ie hozo: "Laha mikasiky ty sikiny avao zaho, le ho afaky." ²⁹Lafa nikasiky Azy ie, le nijano ty fahatsoboan-dio, sady tsapany zisiky anainy any fa afaky tany ty aretany ie. ³⁰Hay i Jesosy niaraky tany ze fa nisy hery niala baka aminy. Nitoliky tany ty olo lako any Ie sady nivola hozo: "Ia ro nikasiky ty fisalorako?" ³¹Le namaly Androzy mpianqtsiny hozo: "Hitanao olo lako mare mifanosiky aminao rey, ka le hoy Iha hozo: "Ia ro nikasiky Ahy." ³²Fa nanenty ty miodidy Azy Jesosy mba hahitany ze nanao zay. ³³Azy ampela iny, nahay ze nitsanga taminy, le natahotsy noho nangitikitiky. Nandeha ie sady niantiraky taloha i Jesosy eo kavle nivola taminy ty marina iaby. ³⁴Le hoy Jesosy taminy hozo: "Anaky, ty finoanao ro nahafaky anao. Mandehana amy ty fiadana sady afaky amy ty aretinao." ³⁵Laha mbo nivola Ie, le avy ty olo ilany baka qmy ty mpifariky any ty synagoga, nanao hozo: "Fa maty ty anakinao. Nanino ro mbo manahira ty mpampianatsy avao?" ³⁶Fa lafa nahare ze nivolanin-drozy Jesosy, le hoy Ie tany azy mpitariky ty synagoga iny hozo: "Ka matahotsy. Mino avao." ³⁷Sady tsy nisy nengany hiaraky aminy, hafa-tsy Peters, Jakoba, sady Jaona, rahalahy i Jakoba. ³⁸Niavy tan-tsano azy mpitariky iny any ty synagoga ndrozy sady nahita olo nikorakoraky mare teo Ie; nitany noho nigogogogo mare ndrozy. ³⁹Lafa nilitsy ty tsano Ie, le hoy Ie tamin-drozy hozo: "Nanino nareo ro mikorakoraky noho mitany? Tsy maty ty aja fa miroro." ⁴⁰Nihehy Azy ndrozy. Nefa naboakiny tambalikiny any rozy iaby sady nangalaky ty raiky noho reniny azy aja noho ze niaraky taminy rey iny, sady nilitsy tany ty efitsy nisy aja iny ao Ie. ⁴¹Nirambesiny ty fana azy aja iny sady nivola taminy hozo: "Talita, Komy!" ze raha adika le hozo: "Ampela, mivola aminai Zaho, mitsangana." ⁴²Direkita le nitsanga amoela sady nandeha (safe folo roa amby tao ie). Jilo direkita ndrozy. ⁴³Nirarany mare ndrivy mba tsy hisy bdra ia ndra iw hahay ty miksiky zao. Bakeo le nanoviny namea hany ampela iny.

Chapter 6

¹Niala toera io Ie ka le namonjy ty tanindrazany, sady nanoriky Androzy mpianatsiny rey. ²Sady lafa avy ty andro sabata, le nampianatsy tany ty synagoga ao Ie. Lako tyboly nahare Azy ka le tseriky ndrozy. Hoy ndrozy hozo: "Baka aia ro nahazoany fampianara rey?" "Ino fahendrea ze namea Azy zao?" "Ino hatsereha ze nanoviny tany ty tanany rey?" ³"Tsy azy mpandrafitry iny va io, azy ana i Maria sady rahalahy i Jakoba noho Jesosy noho Jodasy sady Simona iny? Tsy miaraky amintsika eto va anabaviny rey?" Neloky tany i Jesosy ndrozy. ⁴Sady hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Tsy misy olo to-resaky tsy amean-kaja, hafa-tsy amy ty tanindrazany ao noho amy ty longony mariny ao sady amy ty longony manoka ao avao." ⁵Tsy afaky nanao asa mahatseriky Ie, hafa-tsy ty fametsahany tana amy ty marary kelikely sady manafaky androzy. ⁶Tseriky noho ty tsy finoan-drozy Ie. Bakeo nandeha niodidy ty tanà Ie hampianatsy. ⁷Bakeo le nikaiky folo roa amby lahy rey Ie sady nanomboky naniraky androzy kiroe-ndroe, sady nameany fahefa tany ty fanahy maloto eo ndrozy, ⁸sady nibeko androzy tsy handay ndra ino ndra ino amy ty liany, ndra mofo ndra kitapo, ndra jala amy ty santiran-drozy_ hafa-tsy tehy avao. ⁹fa hanao kapa, sady tsy hanao salotsy roe. ¹⁰Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Ndra ombia ndra ombia militsy amy tsano raiky, le mipetsaha ao zisiky ialanareo any. ¹¹Sady laha misy tanà tsy mandramby anareo ndra mijanjy anareo, lafa miala amy toera zay nareo, le ahitsano ty lemboky amy ty tombonareo mba ho fitsangana vavolombelo amin-drozy." ¹²Le niala ndrozy sady nanambara fa ty olo ro tokony hibebaky amy ty fahotany. ¹³Nandroaky demonia lako ndrozy, sady nanosotsy marary lako tany ty solo-bonio ka le nanafaky androzy reny. ¹⁴Re i Heroda mpanjaka zay, safe nanjary hay ty tany iaby ty anara i Jesosy. Ty ilany nivola hozo: " Nitsanga tany maty Jaona mpanao batisa sady laha zay, le miasa anainy ao hery mahatseriky rey." ¹⁵Fa ilany rey koa nivola hozo: "Elia Ie." Mbo nivola ty ilany hozo: "To-resaky Ie, manahaky ty raiky amy olo to-resaky tany ty andro taloha rey." ¹⁶Fa lafa nahare zay Heroda le hoy ie hozo: "Jaona, azy nitapahako loha, ro nitsangana tany maty." ¹⁷Fa Heroda ro nampanambotsy an'i Jaona ka le nandefa azy tan-tsanomaiky any noho ty raharaha Herodiasy (valy i Filipo rahalahiny), safe nivaliny ampela. ¹⁸Fa Jaona nivola an'i Heroda hozo: " Tsy manahaky ty lalà ty hanambalianao ty valy ty rahalahinao." ¹⁹Fa neloky taminy Herodiasy ka le nila ze hamonoa azy, fe tsy afaky, ²⁰noho ty fatahira i Heroda an'i Jaona; hainy fa olo-marina noho atsiky fahamasina ie, sady niaro azy ie. Nanahiran-tsay azy ty fijanjina azy, nefa mbo nijanjy azy tam-pifalea ie. ²¹Bakeo nisy hiraky tany ty fangalaza ty tao nahateraha i Heroda ka le nanao fanambara ho ahy ty bey rey, noho mpitarikiny rey, sady mpitariky ty Galilia rey ie. ²²Le nilitsy ty efitsano fanambara ty anak'ampela i Herodiasy sady nisindraky ho androzy, sady soaso an'i Heroda noho vahiny rey nanambara tany ty fihinana ie. Hoy ty mpanjaka tany ty ampela hozo: "Angataho amiko ze iaby teanao le ameako anao zay." ²³Sady niay taminy ie nanao hozo: "Ndra ino ndra ino angatahinao amiko, le hameako anao, zisiky amy ty antsasaky ty fanjakao." ²⁴Le niboaky ie sady nivola tany ty reniny hozo: "Ino ro tokony hangatahiko aminy?" Le hoy ty reniny hozo: "Ty mpitariky i Jaona mpanao Batisa." ²⁵Teo noho eo le nimpoly tany ty mpanjaka any ie, ka le nangataky, nanao hozo: "Teako ameanao ahy, amy zao, anabo lovia eo ty mpitariky i Jaona mpanao batisa." ²⁶Ndra le nampalohelo mare ty mpanjaka aza zay, le tsy afaky nandà ty fangatahany ie noho ty fiaina nanoviny noho vahininy nanambara tany ty fihinana rey. ²⁷Laha zay le nibeko maramila raiky baka amy ty mpiemby ty mpanjaka baka amy ty mpiemby ty mpanjaka sady nibeko azy handay ty loha i Jaona ho aminy eo. Lasa azy mpiemby iny sady nanapaky ty lohany tan-tsanomaiky ao. ²⁸Nandesiny tanabo eo lovia ty lohany sady nameany am-pela, sady azy ampela nanome an-dreniny iny zay. ²⁹Lafa nahare zay mpianatsiny rey. le avy ndrozy sady nangalaky ty nofotsiny ka le nampipetsaky zay tan-dolo ao. ³⁰Nimpoly tany i Jesosy any apostoly rey sady nitantara taminy ze iaby vitan-drozy noho nampianarin-drozy. ³¹Sady hoy Ie tamin-drozy: "Ndao tsika ho ambaliky any ka le hiala vozaky Kelikely. "Fa lako ty olo ro niriorio, sady tsy nanam-potoa hihinana hany vatany aza ndrozy. ³²Le nandeha an-daka ndrozy mba ho amy ty tany any avao. ³³Fa rozy nahita androzy nandeha sady lako ro nahay androzy, le niara-nilay an-tomboky baka amy ty tanà iaby any ndrozy, sady niavy talohan-drozy eo. ³⁴Lafa avy tany ty sisiny eny ndrozy, le najilo olo lako mafe Ie sady onena androzy Ie safe manahaky ty aondry tsy mana mpiemby ndrozy. Ka le nanomboky nampianatsy raha lako androzy Ie. ³⁵Sady lafa niavy ty hariva ty andro, le namonjy Androzy mpianatsiny rey ka le nanao hozo: "Toera avao toy sady ty andro fa miha hariva sahadry. ³⁶Alefaso ndrozy mba handehanany amy vohitsy noho tanan-drozy rey eo." ³⁷Fa namaly Ie ka le nanao tamin-drozy hozo: "Ameanareo raha hohany ndrozy." Le hoy ndrozy taminy hozo: "Afaky mandeha sady mivily mofo azo ty denaria roanjato va zahay ka le hanome zay androzy hohany?" ³⁸Le hoy Ie tamin-drozy hozo: "Firy ro mofo anananareo? Mandehana sady henteo." Lafa hitany, le hoy ndrozy hozo: "Mofo limy noho fia roe." ³⁹Le nibeko ty olo iaby mba hipetsaky mitsitokotoko tany ty akata-maintso eo Ie. ⁴⁰Le nipetsaky an-tokony ndrozy; an-tokony zato noho dimampolo. ⁴¹Nangalaky mofo limy noho fia roe rey Ie, niandrandra ty lanitsy ro nisaotsy ka nizarazara ty mofo sady nanome zay tany mpianatsy rey mba hamea eloha ty olo eo. Nizarany avao

koa ty fia roe ho androzy iaby.⁴² Le nihina iaby rozy iaby zisiky nahavintsy androzy.⁴³ Nalan-drozy ty tapatapa mofo, ze nahatsiky folo roamby sobiky mitafotafo, sady koa ty amby ty fia.⁴⁴ Nisy limy arivo lahilahy rey nihina ty mofo.⁴⁵ Tea noho eo le nanoviny niaraky tan-daka ao mpianatsiny rey mba hitariky Azy ho amy sisiny eny, ho a-Batsaida any, laha nandefa ty olo lako le.⁴⁶ Lafa nandeha ndrozy, le niakatsy tam-bohitsy eny le mba hivavaky.⁴⁷ Niavy ty hariva, sady fa tanivo ty riaky eo ty laka, fa raiky tan-tany eny ie.⁴⁸ Sady hitany fa sahira mare ndrozy nivey ty laka, safe nanohitsy mare androzy ty tsioky. Teo noho eo amy ty lera fiembena faha efatsy ty haly le nana amin-drozy eo le, nandeha tanabo riaky eny, sady te-handalo tamin-drozy eo le.⁴⁹ Fa lafa nahita Azy nandehatanabo riaky eny ndrozy, le nidinihin-drozy ho motoetoe le ka le nikorakoraky ndrozy,⁵⁰ safe nahita Azy ndrozy le natahotsy. Teo noho eo le nivola tamin-drozy le ka le nivola androzy hozao: "Matokia! Zaho avao toy! Ka matahotsy!"⁵¹ Sady nilitsy tan-daka ao niaraky tamin-drozy le, le nijano tsy niala ty tsioky. Le jilo tanteraky ndrozy.⁵² Sady tsy takatsy ty sain-drozy ty dika mofo iny. Fa koa, nihamahery ty fon-drozy.⁵³ Lafa tafita ndrozy, le avy ta Genesareta ao rey ka le nikaiky ao.⁵⁴ Sady lafa nijotso baka amy ty laka ao ndrozy, direkita le hay ty olo ao le,⁵⁵ ka le nilay nameno ty faritsy iaby ndrozy sady nanomboky nanday ty marary tamy ty kitseliny tamy ze iaby re ndrozy misy Azy any.⁵⁶ Fa ndra taia ndra taia nandehanany ndra an-tanà, ndra tanà-bey, ndra tamy ty vohitsy kelikely eny, le napetsakin-drozy tamy ty kianja ty marary eo. Nangafaky Azy ndrozy mba hanenga androzy hikasiky ty hohin'ankanjony, sady lako ze nikasiky Azy rey ro afaky.

Chapter 7

¹Fariseo rey noho ty mpanora-dalà ilany ze baka a-Jersalema any ro avy nivory niodidy Azy.²Sady hitan-drozy ty mpianatsiny ilany nihina mofo tamy ty tana tsy malio, zay hoe, tsy voasasa. ³(Fa ty Fariseo noho ty Jiosy iaby ro tsy mba mihina laha tsy fa nanasa ty tanan-drozy, safe manoriky ty fombafomba olo-bey rey.) ⁴Sady lafa mimpoly baka am-bazary Fariseo rey, le tsy mihina ndrozy laha tsy baka miandro, sady miembena fomba lako hafa nare ndrozy, manahaky ty fanasa ty kapoaky, noho ty famarana, noho enta saba, sady ty kitsely ze ihinanan-drozy.)⁵Fariseo noho ty mpanora-dalà rey nanontany an'i Jesosy hozao: "Nanino ty mpianatsinao ro tsy mandeha manahaky ty fombafomba olo-bey rey, fa mihina ty mofon-drozy amy ty tana tsy voasasa?"⁶Nefa hoy Ie tamin-drozy: "Isaia to-resaky soa miaro anareo mpiahatsaravelatsihy. Nisoratiny hozao: olo lako manaja Ahy amy ty soniny toy, fa ty fony koa lavitsy Ahy. ⁷Rava ty fivavaha amean-drozy Ahy, laha mampianatsy ty fitsipik'olombelo ho fampianaran-drozy."⁸Afoinareo ty lilin-Janahary ka le tandrahanareo mare ty fomba ty olo." ⁹Sady hoy avao koa Ie tamin-drozy: "Manahaky ty ino ty fanarinareo ty lilin-Janahary mba hiembenanareo ty fomban-drazanareo! ¹⁰Fa hoy Mosesy: 'Manajà ty babanao noho ty reninao,' sady koa, 'Ze mivola raty ty babany ndra ty reniny le ho maty vatany.'¹¹Nefa nareo mivola hozao: 'Laha misy lahilahy raiky mivola ty babany ndra yy reniny hozao: 'Ndra ino ndra ino teanao ho azo tamiko le fa Korbana,' (hozao zay: 'Namea an-Janahary') -- ¹²le tsy enganareo hanao ndra ino ndra ino amy ty babany noho ty reniny sasy ie. ¹³Mandrava ty safan-Janahary nareo noho ty fomban-drazanareo ze nivolaninareo. Sady raha lako mitovy amy zay koa eo anovinareo."¹⁴Sady nikaiky ty olo lako ndraiky Ie ka le nivola tamin-drozy hozao: "Mijanjina Ahy, nareo iaby, ka le hainao. ¹⁵Tsy misy raha baka ambaliky eo ze militsy anay ty olo ao ka le afaky mandoto azy lafa militsy aminy ao. Fa ze miboaky baka anay ty olo ao ro mandoto azy." ¹⁶[Ty fandika soa bibike ro tsy manisy ty andininy faha 16: Laha misy manantsofy hijanjy, engao ie hijanjy.]¹⁷Sady lafa niala tamy ty olo lako eo Jesosy ka le nilitsy tan-tsano ao, ty mpianatsiny nanontany Azy mikasiky fanohara iny. ¹⁸Hoy Jesosy taminy: "Nareo koa va mbo tsy mana fahaiza? Tsy hitanareo va fa ze iaby militsy anay ty olo baka ambaliky ao ro tsy mandotoazy, ¹⁹safe tsy afaky militsy am-pony ao zay, fa an-tsarotsony ao avao ka le miboaky amy ty fiboaha any?" Tamy fanambara zayle nahavy ty hany iaby ho malio i Jesosy.²⁰Hoy Ie: "Ze miboaky baka amy ty olo ao ro mandoto azy. ²¹Fa baka anay ty olo ao, baka am-pony ao, ro iboaha ty say-raty, ty fahativativa, ty halatsy, ty famonoan'olo, ²²ty heriloha, ty faniria, ty haratiam-panahy, ty fitaky, ty fijejojejoa, ty fialona, ty fanasazia vandy, ty avonavo, ty hadala. ²³Raha-raty iaby zay ro miboaky baka anay ty olo ao, sady rey ro mandoto azy."²⁴Niala teo Ie ka le lasa nadeha tamy ty faritsy Tyro noho Sidona any. Nilitsy tan-tsano raiky ao Ie sady tsy teany ho hain'ia ndra ia fa tao Ie, nefa tsy afaky niery. ²⁵Nefa niaraky tamy zay le nisy ampela raiky, ze nisy fanahy maloto raiky ty anak-ampela kelikely, nahare ty aminy, avy, sady nandohaliky fan-tombony eo. ²⁶Sady Grika azy ampela iny, Syro-foinika ro niaviany. Nanvaraky Taminy ie mba hampiboaky ty demonia hiala amy ty anak-ampelany.²⁷Hoy Ie taminy: "Engao hamea-hany aloha ty aja. Safe tsy mety ty mangalaky ty mofon'aja ka le manoraky azy ho ahy ty alika." ²⁸Nefa namaly ie ka le nanao Taminy hozao: "Eka, Tompo, fa ndra ty alika ambany latabatsy ao aza le mba mihina ty tapatapany amy ty mofon'aja."²⁹Le hoy Ie taminy: "Laha safanao zay, afaky mandeha iha. Fa noboaky tamy ty anak'ampelanao ty demonia". ³⁰Sady laha nimpoly tan-tsanony any ampela iny le nahita ty aja niroro tanabo ty kitsely eo, sady ty demonia fa niala.³¹Sady Jesosy niboaky ndraiky niala ty faritsy Tyro, le namaky an'i Sidona zisiky amy ty Riaky ty Galilia any ka le niakqtsy ty faritsy Dekapolisy. ³²Sady nandesin-drozy Taminy eo ty olo raiky mareny sady sahira laha mivola, sady nangataky Taminy ndrozy mba hametsahany ty tanany aminy.³³Nanday ty lahilahy nitoka niala tamy ty olo lako eo Ie, le nametsaky ty rantsan-tanany tan-tsofiny ao Ie, sady lafa baka nandora, le nikasiky ty lelany, ³⁴Le niandrandra ty anitsy Ie, le nisempotsy ka le nanao taminy hozao: "Efafa," Hozao zay: "Maladia!"³⁵Sady malaky teo ty sofiny ro nalady, sady ze namehy ty lelany le toro sady afaky nivola mazava soa ie.³⁶Sady Jesosy nandrara androzy tsy hivolambola ndra amin'ia ndra amin'ia. Nsfa ndra le nirara aza ndrozy, vo maiky nampiparitaky zay bevata mare. ³⁷Le tseriky tanteraky ty olo, ka le nivola hozao: "Nanoviny soa iaby ty raha iaby. Nanoviny mahare aza ty mareny sady mibola ty moa."

Chapter 8

¹Tamy andro zay, le nisy olo lako mare ndraiky, sady tsy nana hohany ndrozy. Le nikaiky ty mpianatsiny Jesosy sady nivola tamin-drozy hozo: ²"Mampalahelo Ahy olo lako rey, safe fa telo andro rey ro nanohy niaraky tamiko sady tsy mana-hohany." ³Laha alefako moly an-tsanony any tsy mihina rey, le mety ho safotsy an-dala. Ty ilany amin-drozy le baka amy ty lala-lavitsy any." ⁴Namaly Androzy mpianatsiny rey hozo: "Aia ro hahazoantsika mofo ampy hamokisa olo lako rey an-tany etoy avao manahaky zao?" ⁵Nanontany androzy Ie hozo: "Firy ty mofo anananareo?" Hoasan-drozy hozo: "Fito" ⁶Nibeko ty olo lako mba hipetsaky amybyty tany Ie. Nirambesiny ty mofo fito, le nisaotsy Ie, sady nanapaky rey. Nameany ty mpianatsiny zay mba ho zaran-drozy amy ty olo lako, sady napetsakin-drozy taloha ty olo lako eo zay. ⁷Sady mbo nana fia kelikely tsy ampy avao koa ndrozy, ka le lafa baka nisaotsy rey Ie, le nibeko mpianatsy rey mba handroso zay koa Ie. ⁸Le nihina ndrozy ka le vintsy, sady nalan-drozy ty tapatapany sisa ze naha atsiky sobiky fito bevata. ⁹Tokony ho efatsy arivo teo noho eo ty olo tamy zay. Bakeo le nalefany noly ndrozy. ¹⁰Direkita le niakatsy tan-daka ao niaraky tamy mpianatsiny rey Ie, sady nandeha nana amy ty faritsy i Dalmanota ndrozy. ¹¹Le niboaky fariseo rey sady nanomboky nifamaly taminy. Nila fahaiza bala an-danitsy any taminy ndrozy, mba hotsapa Azy. ¹²Niay laliky tqmy ty fanahiny any ie sady nivola hozo: "Nanino ro mila fahaiza tariha toy? Nefa volaniko aminareo marina, fa tsy misy fahaiza amea ty tariha toy zay." ¹³Bakeo le niala androzy Ie, niakatsy tan-daka ao ndraiky, sady niala lavitsy ho amy sisiny eny. ¹⁴Sady halino ty mpianatsy ty nanday mofo niaraky tamin-drozy. Tsy nana mandilatsy ty raiky ndrozy tanay sambo. ¹⁵Le nampiembeny androzy Ie ka le nivola hozo: "Miembena sady mitandrema amy ty masirasira Fariseo rey noho ty masirasira i Heroda." ¹⁶Le nifanontany vata ty mpianatsy hozo: "Laha isaky tsy mana mofo zay," ¹⁷Hay i Jesosy zay, sady hoy Ie tamin-drozy hozo: "Nanino ro amy ty tsy fanana mofo ty fisainanareo? Mbo tsy azonareo va? Mbo tsy takatsinareo va? Nanjary donto va ty fonareo?" ¹⁸Mana maso nareo, fa tsy mahita va? Manan-tsofy nareo, fa tsy mahare va? Tsy tiaronareo va? ¹⁹Lafa nanapamy ty mofo limy ho ahy ty olo dima arivo Zaho, le sobiky firy atsiky tapatapany mofo ro navorinareo?" Hoasan-drozy taminy hozo: "Folo roamby." ²⁰Lafa nanapaky mofo fito rey ho ahy ty olo efatsy arivo Zaho, firy sobiky ty ambiny navorinareo?" Hoasan-drozy taminy hozo: "Fito." ²¹Sady hoy Ie hozo: "Mbo tsy takatsinareo avao va?" ²²Niavy ta Betsaida any ndrozy. Sady nisy jiky raiky nandesy olo taminy eo sady nangatan-drozy Jesosy mba hikasiky azy. ²³Nandesy i Jesosy tamy ty tana azy jiky iny, sady nitariky azy hiboaky ty tanà. Lafa nandora tamy ty masonry eo Ie sady nametsaky ty tanany taminy eo, le nanontany azy Ie hozo: "Mahita raha va nareo?" ²⁴Le niondriky ie, ka le nivola hozo: "Mahita olo manahaky ty hazo mandehandeha zaho." ²⁵Napetsaky i Jesosy tamy ty masonry eo ndraiky ty tanany, sady nahita ty maso lahilahy iny, le nimpoly tamy ty velohany ty fahitany, sady nahita mazava soa ty raha iaby ie. ²⁶Le nalefa i Jesosy noly ie sady nivola hozo: "Ka militsy an-tanà ao." ²⁷Nandeha niboaky Jesosy noho ty mpianatsiny nana amy ty tanà inKaisaria any Filipo. Tan-dala eny le nanontany mpianateiny rey Ie hozo: "Hanovy ty olo ho ia moa Zaho?" ²⁸Namaly Azy ndrozy ka le nivola hozo: "Jaona mpanao batisa. Ty hafa mivola hozo: 'Elia', sady ty hafa hozo: 'raiky amy to-resaky rey.'" ²⁹Nanontany androzy Ie hozo: "Fa nareo koa manao Ahy ho Ia?" Le namaly Azy Petera hozo: "Iha ro Kristy." ³⁰Nampiemby androzy Jesosy tsy hivola ty mikasiky Azy ndra amin'ia ndra amin'ia. ³¹Nanomboky nampianatsy androzy Ie fa tsy maintsy hijaly ty Anak'Olo, sady ho henke ty olo-bey noho mpitariky ty mpisoro rey sady mpanora-dalà, sady ho vonoe, ka le hitsanga amy maty afaky telo andro. ³²Nivolaniny mazava soa zay. Bakeo nikaihy i Petera amy sisiny Jesosy ka le nanomboky nivola mare Azy. ³³Nefa nitoliky Jesosy le nanenty mpianatsiny rey sady bakeo nivola mare an'i Petera ka le nanao hozo: "Mialà lavitsy Ahy, satana, Tsy mba misaina ty rahan-Janahary iha, fa ty rahan'olo." ³⁴Bakeo le nikaiky ty olo lako noho ty mpianatsiny niaraky je, sady hoy Ie tamin-drozy hozo: "Laha misy te-hanoriky Ahy, le tsy maintsy mandà ty safany ie, mangalaky ty hazo fijaleany, sady manoriky ahy." ³⁵Ndra ia ndra ia te-hamonjy ty ainy le hahatsobo zay, sady ze mahatsobo ty ainy noho ty amiko noho ty filazantsoa, le hahavintsy zay. ³⁶Fa ino nefa ro tombontsoa azo ty olo raiky, laha mahazo ty tany iaby toy, sady bakeo tsobo ty ainy? ³⁷Ino ro afaky amea ty olo raiky ho takalo ty ainy? ³⁸Ndra ia ndra ia menatsy Ahy noho ty safako amy tarika mpaheriloha toy eo noho mpanota toy, le ho menatsy azy avao koa ty Anak'olo lafa avy amy ty voninahitsy ty Babany ao miaraky amy anjely masy rey Ie."

Chapter 9

¹Hoy Ie tamin-drozy hozao: "Volaniko aminareo marina vatany, fa misy aminareo ze mitsanga eto ro tey hanandrama fahafatesa zay aloha ty hahitan-drozy ty fanjakan-Janahary ze ho baka amy ty hery bevata." ²Sady enin'andro tafara tato, le nandesy i Jesosy niarakany taminy Petera noho Jakoba sady Jaona tany ty vohitsy abo eny, safy ndrozy daiky ro tany. Bakeo niova tarehy tanilan-drizy eo Ie. ³Ty fisalora niova nipelatsy ro sady mazava, sady foty bibiky, foty nandilqtsy ty raha nampamoty bibiky tanabo ty tany eto. ⁴Bakeo Elia noho Mosesy niboaky tamin-drozy, sady niresaky tany i Jesosy ndrozy. ⁵Petera namaly ka le nivola tany i Jesosy hozao: "Raby e, soa laha mipetsaky eto tsika, ka le andao hanao lay telo, ty raiky ho ahy Nao, ty raiky ho ahy i Mosesy, sady ty raiky ho ahy i Elia." ⁶(Fa tsy hainy ze tokony ho volany, safe natahotsy mare ndrozy.) ⁷Nisy raho avy ka le nanaro androzy. Sady nisy feo niboaky baka anay ty raho any hozao: "Toy ty Anako teako. Mijanina Azy." ⁸Tampoky teo, laha nanenty ty miodidy androzy, le tsy nahita ndra ia ndra ia sasy, hafa-tsy Jesosy raiky avao. ⁹Laha ninotso baka am-bohitsy eny ndrozy, le nibekoany mare mba tsy hivola ndra amin'ia ndra amin'ia ty raha hitan-drozy, laha tsy fa mitsanga amy maty ty anak'Olo. ¹⁰Sady le nitandrahan-drozy ho androzy safa zay, nefa nifampanonfany ty amy ty mety rey ho dika "fitsangana amy maty" zay. ¹¹Nanontany Azy ndrozy hozao: "Nanino mpanora-dalà rey ro manambra fa tsy maintsy ho avy aloha Elia?" ¹²Le hoy Ie tamin-drozy hozao: "Fa niavy velohany Elia hanary ty raha iaby. Sady nanino ro voasoratsy fa ty Anak'Olo ro hijaly mare amy ty raha lako sady hanovy ty olo tsy misy antony?" ¹³Nefa volaniko amonareo fa niavy Elia, sady nanovy ty olo taminy ze sitsaky ty fony, manahaky ze fa voavola ty Soratsy Masy mikasiky azy. ¹⁴Sady lafa nimpoly tany ty mpianatsy eo ndrozy, le nahita olo lako mare niodidy androzy sady mpanora-dalà rey nialy hevitsy taminy. ¹⁵Laha vo nahita an'i Jesosy ndrozy, le jilo ty olo lako iaby sady laha nilay namonjy Azy iny ndrozy le niarahaba Azy. ¹⁶Nanontany mpianatsiny rey Ie hozao: "Mikasiky ino ro hialianareo hevitsy amy rey." ¹⁷Sady nisy raiky tany olo lako rey namaly Azy hozao: "Mpampianatsy e, nandesiko ho aminao eto ty anakilahiko. Misy fanahy raty tsy mampivola azy ie. ¹⁸Manambotsy azy io ka le nampilavo azy sady mandoa voy ie, mikotsoky-ty hý, sady nanjary mihanja ie. Nangataky tany mpianatsinao rey ty vatako mba hampiboky zay hiala aminy, nefa tsy vitan-drozy zay." ¹⁹Sady namaly androzy Ie hozao: "Tariha tsy mino, zisiky-iaviako ro hipetsahako aminareo eto? Zisiky-ombia ro handeferako aminareo? Andeso amiko eto ie." ²⁰Sady nandesy taminy eto azy aja lahilahy iny, sady laha vo nahita an'i Jesosy azy fanahy raty iny, le nampifanintosinto azy zay. Nilavo tany ty tqny azy aja lahilahy iny sady atsiky voy ty vavany. ²¹Jesosy nanontany ty babany hozao: "Fangirifiry ro naha-avy azy manao ho zao?" Le hoy ty raiky hozao: "Fa zisiky tany ty naha aja azy." ²²Kindraindraiky fanahy raty io nandavo azy fanay afo ao ndra tanay rano ao sady nanandrama ty hanimba azy. Laha mahay manao ty raha iaby Iha, le mahaferinay anay sady ampeo zahay. ²³Jesosy nivola tam9ny hozao: "Laha mahay iha?" ²⁴Ty raha iaby le hay ze mino." Sady niarakany tany zay ty baba azy aja rsy le nikoraky mare nanao hozao: "Mino zaho! Anpeo zaho amy ty tsy finoako!" ²⁵Lafa hita i Jesosy olo lako nilay namonjy androzy rey, le nivolaniny mare azy fanahy maloto iny sady nanao hozao: "fanahy moa noho mareny e, mibeko anao Zsho, miboaha aminy, sady ka mimpoly militsy aminy ao sasy." ²⁶Nikorakoraky mare zay ka le nifampisinto mare aja lahilahy iny sady bakeo niboaky. Manahaky ty olo maty aja lahilahy iny, ka le lako ro nivola hozao: "Maty ie." ²⁷Fa Jesosy nandramby azy tany ty tana ka le nanary azy, le nitsanga aja lahilahy iny. ²⁸Sady lafa nilitsy tan-tsano ao Jesosy, le nanontany Azy manoka mpianatsiny rey hozao: "Nanino zahsy ro tsy nahavoaroaky azy fanahy raty iny?" ²⁹Hoy ie tamin-drozy hozao: "Ty manahaky rey ro tsy afaky roasy hafa-tsy amy ty alala ty vavaky." ³⁰Niala teo rozy sady nandalo ta Galilia any. Tsy teany ho hay nia ndra ia hoe taia ndrozy, ³¹fa nampianatsy mpianatsiny rey Ie. Hoy Ie tamin-drozy hozao: "Ty Anak'Olo ro hamea an-tana ty olo eny, ka le ho vonon-drozy Ie. Sady lafa voavono Ie, le hitsanga amy maty draiky afaky telo andro." ³²Fa tsy takatsy ndrozy fanambara io, sady natahotsy androzy hanontany Azy. ³³Bakeo le niavy ta Kapernaomy ndrozy. Lafa baka nilotsy tan-tsano ao Ie le nanontany androzy hozao: "Ino ty raha nifampiresahanareo tan-dala eny?" ³⁴Fa tsy nivola rozy. Safe fa nialay hevitsy tan-dala eny ndrozy ty amy ze bevata bibiky. ³⁵Nipetsaky, le nikaiky folo roamby lahy rey niarakany Ie sady nivola tamin-drozy hozao: "Laha misy te-ho velohany, le tsy maintsy farany amy ty iaby ie sady ho mpiasa ty iaby." ³⁶Nangalaky aja kelikely raiky Ie sady nanonfany fanivon-drozy eo. Nitsotsony tan-tsandriny eo ie sady nivola tamin-drozy hozao: ³⁷"Ndra ia ndra ia mandramby ty aja manahaky zao amy ty anarako, le mandramby Ahy koa, sady laha misy mandramby Ahy, le tsy mandramby Ahy raiky ie, fa Azy naniraky Ahy koa." ³⁸Hoy Jaona Taminy hozao: "Mpampianatsy e, nahita olo nampiboky demonia tany ty anaranao zahay sady niraranay ie, safe tsy manoriky antsika." ³⁹Fa Jesosy nanao hozao: "Ka mandrara azy, fa tsy misy olo hanao zsz bevata amy ty anarako nefa tsy ela tsy ela afara zay le hivola raha raty mikasiky Ahy." ⁴⁰Ndra ia ndra ia tsy manohitsy antsika le miaro antsika. ⁴¹Ndra ia nxra ia manome anao rano atsiky kapoaky hinomy safe an'i Kristy iha, le volaniko aminao marina vatany, fa tsy ho tsobo ty valim-piteany. ⁴²Fa ndra ia ndra ia mampeloky ty raiky

amy kelikely mino Ahy rey, le soa ho azy ty amonjea vato bevata fanisaram-bary mifehy amy ty vozony eo sady hazera an-driaky any.⁴³Laha ty tananao ro mahavy anao ho heloky, tapaho zay. Fa soa amina ty militsy hanja amy ty fiaina manahaky ze mana tanan-droe sady handeha amy ty helo any, amy ty afo tsy mety vonoe any.

⁴⁴[Fanamariha: Ty dika soa bibike ro tsy manisany ty fehezantsafa amy ty andininy faha 44 noho 46 ao hozao: ""Ze tsy maty mihintsy ty sokon-drozy sady ty afo tsy ho maty zisiky farany.""]⁴⁵Laha ty tombonao ro mampeloky anao, tapaho zay. Soa vatany amina ty militsy mandrava amy ty fiaina any noho ty mana tomboky roe sady haria amy ty helo any.⁴⁶[Hentao ty fanamariha amy ty andininy faha 44 eo]⁴⁷Laha ty masonao ro mampeloky anao, alao hiala zay. Soa amina ty militsy ty fanjakan-Janahary miarakany amy ty maso toka to zay maso roe sady haria amy ty helo any,⁴⁸ amy ty toera ze tsy mahafaty any ty sokon-drozy, sady ty afo tsy mety vonoe.⁴⁹Fa ty olo iaby le samby ho voasira amy ty afo.⁵⁰Soa ty sira, fa laha ty sira ro avy matsatso, ino ro ahafahanao mampiasa azy ndraiky? Asio sira aminareo ao, sady milongoa amy ty kirai-draiky iaby."

Chapter 10

¹Niala tamy toera zay eo Jesosy sady nandeha famy ty faritsy i Jodia any noho tamy ty faritsy ambany ty Renirano i Jordana eny, sady nana aminy eo ndraiky ty olo lako. Sady manahaky ty fanoviny, le nampianatsy androzy ndraiky Ie.² Le namonjy Androzy fariseo mba hitsapa Azy ka le nanontany hozo: "Ara-dalà ho ahy ty lahilahy va ty misaraky amy ty vzliny?"³ Namaly Ie hozo: "Ino ro nibekoa i Mosesy anareo?"⁴ Le hoasan-drozy hozo: "Mosesy le nanenga ty lahilahy raiky hanoratsy taratasy fanamatiha fisaraham-panambalia sady mandefa azy bakeo."⁵ Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Laha ty hahery ty fonareo ro nanoratany ho ahy nareo lalà zay."⁶ "Fa famy veloha ty famorona any, 'Njanahary nanao androzy ho lahilahy noho ampela.'⁷ Amy dikany zay ro hiala ty babany noho ty reniny ty lahilahy ka le hiharo amy ty valiny,⁸ sady hanjary ho nofotsy raiky ndrozy roe." Ka tsy ho roe sasy ndrozy, fa ho nofotsy raiky avao.⁹ Ka le ze naharon-Janahary, le engao tsy ho sarahan'olombelo."¹⁰ Sady lafa tan-tsano ao ndrozy, le mbo nampimpoly nanontany mikasiky zay ndraiky mpianatsy rey.¹¹ Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Ndra ia ndra ia lahilahy misaraky amy ty valiny kavle mampiakatsy ampela hafa le maheriloha.¹² Lafa misaraky amy ty valiny ty ampela ka le manambaly lahilahy hafa, le maheriloha ie."¹³ Bakeo ndrozy le nanday ty anakin-drozy Taminy eo mba hametsahany tana, fa nisazie mpianatsy rey ndrozy.¹⁴ Fa lafa nahay zay Jesosy, le heloky mare Ie ka le nivola tamin-drozy hozo: "Engao ty aja hanontany Ahy, sady ka rarà ndrozy, fa ty fanjakan-Janahary ro ahy ze manahaky androzy rey."¹⁵ Volaniko aminareo marina vatany, ndra ia ndra ia tsy mandramby ty fanjakan-Janahary manahaky ty aja kelikely le tsy hilitany amy zay mihintsy."¹⁶ Bakeo le nitsotsony aja rey ka le nitsipaziny rano sady nametsahany tana.¹⁷ Sady lafa nanomboky ty liany Ie, le nisy lahilahy nilay ka le nandohaliky tanilany eo, sady nanontany hozo: "Mpampianatsy soa, ino ro tsy maintsy anoviko mba handovako ty fiaina zisiky farany?"¹⁸ Jesosy nanao hozo: "Nanino ro kaihino hoe soa Zaho? Tsy misy soa, ha-tsy Njanahary raiky avzo."¹⁹ Hainao ty lily hozo: "Ka mamono olo, ka maheriloha, ka mangalatsy, Ka mitsanga ho vavolombelo tsy marina, ka mamitaky, hajao ty babanao noho ty reninao."²⁰ Le hoy lahilahy iny hozo: "Mpampianatsy e, fa noriko zisiky amy ty fahatanorako iaby rey."²¹ Nanenty azy Jesosy ro tea azy. Sady hoy Ie taminy hozo: "Misy raha tsy ampy raiky aminao ao. Tsy maintsy avilinao ze iaby anananao sady amea ty mijaly zay, le hana hanana an-danitsy any iha. Bakeo, manoriha Ahy."²² Fa noho finambara zay ro nalahelo ie ka le nandeha nilalilaly, safe nana fanana-bevata vatany ie.²³ Nanenty ty miodidy Azy Jesosy sady nivola tamy mpianatsy rey hozo: "Tena satotsy ho ahy mana hanana bevata rey ty militsy ty fanjakan-Janahary!"²⁴ Le tseriky tamy ty safany mpianatsy rey. Fa hoyndraiky Jesosy tamin-drozy hozo: "Anaky, sarotsy ty filora amy ty fanjakan-Janahary ao!"²⁵ Mora vatany ho ahy ty rameva ty militsy amy ty afara fitsebiky, noho ty hilira ty mpanan-kanana amy ty fanjakan-Janahary ao."²⁶ Le mbo tseriky ndraiky ty mpianatsy sady le nifanontany hozo rey: "Ia zay ro afaky ty ho voasarombaky?"²⁷ Nanenty androzy Jesosy sady hoy Ie hozo: "Tsy vita ty olo zay, fa vitan-Janahary anovy."²⁸ Le nanomboky nivola taminy i Petera hozo: "Hentao, Zahay ndreto ro nahafao ty iaby sady nanoriky Anao."²⁹ Sady hoy Jesosy: "Volaniko aminareo marina, tsy misy olo ze niala ty tsanony, ndra ty rahalahiny; ndra ty rahavaviny, ndra ty reniny, ndra ty babany, ndra ty anany, ndra ty taniny noho ty amiko, noho ty Filazantsoa,"³⁰ ka le tsy nahazo nandilatsy zato amy ty taonjato amy zay: le tsano, rahalahy, rahavavy, reny, anaky noho tany, miarakany amy ty fanenjeha, sady amy ty taonjato ho avy, le ty fiaina zisiky farany.³¹ Fa lako ty velohany ro hanjary farany, sady ty farany hanjary velohany."³² Tan-dala eny ndrozy, hiakatsy ho a-Jersalema any, sady Jesosy nandeha nitariky androzy. Tseriky mpianatsy rey, sady ze nanoriky Azy tafara le natahotsy. nikaihy i Jesosy ho Aminy eo ndraiky ndrozy folo roa amby sady le nanomboky nivola ze raha hahazo Aminy tsy ho ela .³³ Hentao, miakatsy ho a-Jersalema any tsika zao, sady ty Anak'Olo ro amea ty mpisorobey noho tympanora-dalà. Ho sazia-drozy ho maty Ie sady hameany amy ty Jentilisa.³⁴ Rey ro hikizaky Azy, handora Azy, hamango Azy, noho hahafaty Azy. Fa afaky telo andro le hitsanga amy maty Ie."³⁵ Jakoba noho Jaona, ana i Zebedio, namonjy Azy sady nivola Taminy hozo: "Mpampianatsy e, mba teanay laha mba anovinao ze iaby angatahanay aminao."³⁶ Le hoy Ie tamin-drozy hozo: "Ino ro teanareo hanoviko ho ahy nareo!"³⁷ Hoy ndrozy hozo: "Engao zahay hiara-hipetsaky aminao amy ty voninahitsinao ao, ka le ty raiky an-tana ankavananao eo sady ty raiky ankavianao eo."³⁸ Fa Jesosy namaly androzy hozo: "Tsy hainareo ze angatahinareo. Nareo va afaky mino amy ty kapoaky ze hinomako ndra hiaritsy hanoviko batisa amy ze hananova batisa Ahy?"³⁹ Hoy ndrozy Taminy hozo: "Vitanay zay." Sady nivola tamin-drozy Jesosy hozo: "Ty kapoaky ze hinomiko, le hinominareo, sady amy ty batisa ze hananova-batisa Ahy, ro hananovam-batisa anareo koa."⁴⁰ Fa ze hipetsaky an-tana ankavanako ndra ankaviako eo koa ro tsy mianky amiko zay, fa zay ro ho ahy ze nanomana rey zay."⁴¹ Lafa nahare ty mikasiky zay mpianatsy folo hafa rey, le nanomboky neloky mare tamy i Jakoba noho Jaona. Nikaihy i Jesosy ho aminy eo ndrozy sady nivola hozo: "⁴²Hainareo fa ze dinihy ho mpanapaky ty Jentilisa rey ro mpampiasa androzy, sady ty bey mpirariky androzy ro manampatsy fahefa amin-drozy."⁴³ Fa tsy tokony hanahaky zay ty aminareo. Fa ndra ia ndra ia maniry

ho bey aminareo ro engao ie ho mpiasanareo, ⁴⁴sady ndra ia ndra ia maniry ho velohany aminareo le engao ie ro andevonareo iaby. ⁴⁵Fa ty Anak'Olo tsy avy mba ho tompoe, fa mba hanompo, noho hanome ty ainy ho takalon'ay ho ahy ty lako." ⁴⁶Niavy ta Jeriko ao ndrozy. Lafa niboaky ty tanà niaraky tamy ty mpianatsiny noho olo lako mare Ie, ty anaky i Timeo Bartolomeo, ze mpangataky sady jiky, nipetsaky tamy sisin-dala eo. ⁴⁷Lafa nahare ie fa Jesosy baka Nazareta any zay, le nanomboky nikorakoraky mare ie sady nivola hozao: "Jesosy, Anaky i Davida, mamaloza-fo amiko!" ⁴⁸Lako ro nivola mare azy jiky iny, nivola taminy mba malaky. Fa vo maiky ie nikorwky mare hozao: "Anaky i Davida, mamaloza-fo amiko!" ⁴⁹Nijqno Jesosy sady nampikaiky azy. Nnikaihy azy jiky rey, sady nivolaniny hozao: "Mahareza! Mitsangana! Mikaiky anao Ie." ⁵⁰Nariany ty sikiny, sady nitsanga, ka le nana amy i Jesosy eo ie. ⁵¹Le namaly azy Jesosy sady nivola hozao: "Ino ro teanao anoviko aminao?" Hoy lahilahy jiky iny hozao: "Raby e, te-hahita zaho." ⁵²Sady hoy Jesosy taminy hozao: "Mandehana. Ty finoanao ro nahasarombaky anao." Le nahita niaraky famy zay ty masonry, sady nanoriky an'i Jesosy tan-dala eny ie.

Chapter 11

¹Sady laha nandeha ta Jerosalema any ndrozy, le nanariny an'i Betifaga noho Betania, am-bohitsy Oliva eny, sady Jesosy naniraky roe tamy mpianatsiny rey ²sady nivola tamin-drozy hozao: "Mandehana amy vohitsy kelikely aloha tsika roy. Laha vo tafilitsy ao nareo, le hahita ana-boriky raiky mbo tsy niondranan'olo. Vahao ie le andeso amiko atoy. ³Laha misy olo mivola aminareo hozao: 'Nanino nareo ro manao zao?' Le anovo hozao: 'Misy ila ty Tompo azy le hampoly malaky atoy ie.'" ⁴Nandeha niboaky ndrozy le nahita ana-botiky raiky nifehy tambaliky ty tsano anila ty varavara taoky eo amu sisin-dala eo, sady nivahan-drozy ty fehiny. ⁵Nisy olo ilany nitsanga teo sady nivola tamin-drozy hozao: "Ino anovinareo toy, mamaha ana-boriky io?" ⁶Le nivolaniny androzy ty safa i Jesosy tamin-drozy, sady nenga ty olo handeha amy ty lalany ndrozy. ⁷Sady nandesy mpianatsy roe lahy rey tamy i Jesosy eo ty ana-boriky le nanoviny tanabo zay eo ty sikin-drozy ka le afaky niondra azy Jesosy. ⁸Lako ty olo namelatsy ty sikiny tan-dala eny, sady ty ilany koa namelatsy dantsan-kazo ze nitapatapahany baka am-baibo any. ⁹Ze nandeha talohany eo noho nanoriky Azy rey le nikaikaiky hozao: "Hosana, Tompoe azy raiky baka amay ty anara ty Tompo iny. ¹⁰Tompoe ty fanjaka ho avy i Davida babantsika! Hosana amy ty abo bibiky any!" ¹¹Bakeo Jesosy nilitsy ta Jerosalema ao ka le nana an-kianja ty egilizy ao sady nanentinenty ty raha iaby. Sady, fa niha-hariva ty andro, le nahity nana Betania any le noho folo roa ambu lahy rey. ¹²Ty andro manaraky, lafa nimpoly baka Betania any ndrozy, le mosary le. ¹³Sady nahita hazon'aviavy raiky nandravo baka lavitsy eroy, le namonjy hanenty laha misy voa taminy eo, sady lafa nana amy zay eo le, le tsy nahita ndra ino ndra ino faha tsy raviny avao, fa tsy mbo tam-pamoaza ty aviavy tamin'io. ¹⁴Sady le nivola tamy zay hozao: "Tsy hisy hihina ty voa baka aminao sasy zisiky farany." Sady ty mpianatsiny nahare zay. ¹⁵Nana Jerosalema any ndrozy, sady nilitsy tan-kianja ty egilizy ao le sady nanomboky nandroaky ty mpamarotsy noho ty mpivily iaby ao. Nalavony ty latabatsy mpanakalo jala rey noho ty seza mpamarotsy pizon rey. ¹⁶Tsy nanenga an'ia ndra ia handay raha ze azo avily hilitsy ty kianja ty egilizy le. ¹⁷Le nampianatsy androzy le ka le nivola hozao: "Tsy fa voasoratsy va hozao: 'Ty tsanoko ro ho kaihy hoe tsano fivavaha ho ahy ty firenea iaby'? Nefa nanovinareo ho lala fiaria ty mpangalatsy." ¹⁸Re mpitariky ty mpisoro rey noho mpanora-dala ze nivolaniny rey, le nila fomba hamonoa Azy ndrozy. fa natahotsy Azy ndrozy ssfe ty olo lako iaby ro jilo tamy ty fampianarany. ¹⁹Lafa niavy ty hariva, le niala ty tanà ndrozy. ²⁰Sady laha nandeha ndrozy lafa maray, le nahita azy hazon'aviavy nalazo zisiky amy ty farany iny. ²¹Sady Petera nahatiaro ka nivola hoza: "Raby e, henteo! Nalazo aviavy nihozoninao iny." ²²Jesosy namaly androzy hozao: "Manàna finoan an-Janahary. ²³Volaniko aminareo marina vatany fa ndra ia ndra ia mivola amy vohitsy toy hozao: 'Mitsangana ka le milavoa an-driaky any,' ka le laha tsy misy fisalasala am-pony ao fa mino fa hitsanga aminy ze nivolaniny, le manahaky zay ro hanovin-Janahary. ²⁴Laha zay Zaho milova aminareo hozao: Ze iaby hivavahanareo noho angatahinareo, minoa fa nandramby zay nareo, le ho azonareo zay. ²⁵Lafa mitsanga noho mivavaky nareo, le tsy maintsy manenga ze alahelo iaby anananareo amin'ia ndra amin'ia nareo, mba ho enga ty Babanareo Ze an-danitsy any avao koa ty fahotanareo. ²⁶[Fanamariha: Ty fandika soa bibiky ro tsy manisany ty hoe (Henteo amy ty Mat. 16: 15) Mk. 11: 26 "Fa laha tsy manenga heloky koa nareo, le tsy hanenga ty fahotanareo mihintsy koa ty Babanareo Ze an-danitsy eny.""] ²⁷Le niakatsy ho a-Jersalema any ndraiky ndrozy. Sady laha nandehandeha tan-kianja ty egilizy ao Jesosy, le niavy namonjy Azy ty lohandoha ty mpisoro, ty mpanora-dala, sady olo-bey. ²⁸Hoasan-drozy taminy hozao: "Fahefa baka aia ro hananovanao raha reny, sady ia ro nanome Anao fahefa hanao reny?" ²⁹Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Hametsaky fanontania raiky aminareo Zaho. Volano Amiko le ho volaniko nareo hoe fahefa baka aia ro ananovako raha rey. ³⁰Ty batisa i Jaona, baka an-danitsy any va zay sa vaka amy ty olo? Valeo Zaho." ³¹Nifampidiniky miaraky ndrozy sady nifamaly noho nivola hozao: "Laha mamaly tsika hozao: 'Baka an-danitsy any,' le hivola le hozao: 'Fa nanino sady ro tsy nino azy nareo?' ³²Fa laha mamaly koa tsika hozao: 'Bakeo amy ty olo,'..." Natahotsy ty olo ndrozy, safe resy lahatsy ty olo-iaby fa Jaona ro olo to resaky vatany. ³³Bakeo namaly an'i Jesosy ndrozy ka le nanao hozao: "Tsy hainay." Le hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Zaho avao koa tsy hivola aminareo hoe fahefa baka aia ro hananovako raha reny."

Chapter 12

¹Nanomboky nampianatsy androzy tamy ty alala ty fanohara Jesosy. Hoy Ie hozo: "Nisy lahilahy nanao tanim-boloboky, nanisy vala miodidy zay, sady nandavaky fanasazia. Nampitsanga tilikambo ie sady bakeo nampanofa azy tanim-boloboky iny tamy ty mpamboly voloboky. Le niala nandia lavitsy ie bakeo. ²Tamy ty fotoa mety, le naniraky mpiasa ho amy azy mpamboly iny voloboky any ie mba hangalaky amin-drozy ty ilany amy ze tokony ho anjarany rey amy ty volatsy azy fanim-boloboky. ³Fa nisamborin-drozy, nivangoany, sady nitoahiny tsy handay ndra ino ndra ino. ⁴Naniraky mpiasa hafa ho amin-drozy any ndraiky ie, le niratsan-drozy tamy ty lohany eo sady nalany baraka. ⁵Le mbo nandefa hafa avao ie, sady nivonon-xrozy raiky io. Nanovin-drozy manahaky zay lako hafa rey, nivangony ty ilany sady nivonony hafa rey. ⁶Mbo nana olo raiky hafa hirahy ie, le anaky tea. Ie ro farany nalefany tamin-drozy any. Hoy ie hozo: "Mba hanaja ty anakilahiko ndrozy." ⁷Nefa nifampivola mpamboly voloboky rey hozo: "Intoy azy mpandova iny. Avia, andao hovanontsika ie, le ho lasatsika ty lova." ⁸Nisamborin-drozy ie, le nivonony, sady natorakiny tambaliky ty tanim-boloboky any. ⁹Ka le, ino sady ro hanovy azy tompo ty tanim-boloboky iny? Ho avy ie ka le handrava mpamboly voloboky rey sady hanome ty tanim-boloboky ho ahy ty hafa. ¹⁰Tsy nivakinareo va Soratsy Masy zao? Ty vato ze tsy nenke ty mpamboatsy-tsano, ro nanovy vato fehizoro. ¹¹Baka amy ty Tompo zay, sady le mahatseriky amasontsika eo." ¹²Nila ty hanambotsy an'i Jesosy ndrozy, fe natahotsy ty olo lako, safe hain-drozy fa hanohera androzy ro nandesiny fanohara zay. Ka ke nengan-drozy Ie sady lasa nandeha ndrozy. ¹³Le naniraky ty Fariseo noho Herodiana ilany ho Aminy any mba hamsndriky Azy zmy ty safa ndrozy. ¹⁴Lafa avy ndrozy, le hoy ndrozy taminy hozo: "Mpampianatsy e, hainay fa tsy miraharaha ty hevitsy ty olo Iha, sady tsy manoro fiangara amy ty olo eo. Mampianatsy marina ty lalan-Janahary Iha. ara-dalà va sa aha ty mandoa haba amy i Kaisara? Tokony handoa haba va zahay sa aha?" ¹⁵Fa hay i Jesosy ty fiatsadambelatsihin-drozy ka le nivola androzy hozo: "Nanino nareo ro mitsapa Ahy? Andaiso denaria raiky Zaho mba hanenteako zay." ¹⁶nandaian-drozy jala raiky Jesosy. Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Endrikin'ia sary noho sodatsy toy?" Hoasan-drozy hozo: "An'i Kaisara." ¹⁷Hoy Jesosy hozo: "Ameo an'i Kaisara ze an'i Maisara, sady ameo an-Janahary ze ahin-Janahary." Le ji.o taminy ndrozy. ¹⁸Bakeo Sadoseo rey, ze mivola fa tsy misy ty fitsangana amy maty, le avy tamny eo. Nanontany Azy ndrozy, nanao hozo: ¹⁹"Mpampianatsy e, nanoratsy zao ho ahy nay Mosesy hozo: 'Laha maty ty rahalahy ty lahilahy raiky sady nanenga valy ie, nefa tsy mba nanan-anaky, le tokony manambaly azy valib-drahalahiny iny lahilahy iny, ka le hana tariha ho ahy ty rahalahiny.' ²⁰Nisy fito mirahalaky; nanambaly azy velohany iny sady maty, tsy nanenga tariha. ²¹Bakeo nangalaky azy ty faharoe ro maty, tsy nanenga tariha, le manahaky zay koa ty faha telo. ²²Tsy nisy nanenga tariha rozy fito. Ty farany bibiky, maty koa azy ramayoa iny. ²³Amy ty fitsangana amy maty, lafa hitsanga ndraiky ndrozy, le ho valin'ia ie? Safe samby nanambaly azy iaby rozy fito mirahalaky." ²⁴Sady hoy Jesosy hozo: "Tsy zay va ro dikany maha-diso hevitsy anareo, safe tsy hainareo ndra ty Soratsy Masy ndra ty herin-Janahary? ²⁵Safe lafa mitsanga amy maty ndrozy, le tsy hanambaly ndra hanome amy ty fanambalia, fa hanahaky ty anjely an-danitsy any. ²⁶Fa mikasiky ty zmy ty fitsangana ty vata amy maty, tsy nivakinareo va ty tamy ty boky i Mosesy, amy ty andala mikasiky azy voaroy iny ao, ty niresahan-Janahary taminy ka le nivolaniny hozo: 'Zaho ro Njanahary i Abrahama noho Njanaharin'Isaka sady Njanahary i Jakoba?' ²⁷Ie ro tsy Njanahary ty maty, fa ahy ty velo. Somary diso hevitsy nareo." ²⁸Nisy raiky tamy mpanora-dalà taminy rey sady nahare ty resan-drozy; hitany fa nivaly i Jesosy soa ndrozy. Sady nanontany Azy ie hozo: "Inp to lily bevata bibiky amy rozy iaby?" ²⁹Jesosy namaly hozo: "Ty bey bibikg le ty hozo: 'Mijanina, ty Tompo Njanaharinatsika, Israely, raiky ty Tompo. ³⁰Tsy maintsy mitea ty Tompk Njanaharinao amy ty fonao iaby iha, amy ty fanahinao izby, amy ty sainao iaby, noho amy ty herinao iaby.' ³¹Toy ty lily faharoe: 'Tsy maintsy mitea ty namanao manahaky ty vatanao iha.' Tsy misy lily hafa bevata mandilatsy noho rey." ³²y azy mpanora-dalà rey hozo: "Soa zay, Mpampianatsy e! Voavolanao marina fa Njanahary le ty mitea azy amy ty fo iaby noho amy ty say iaby noho ty hery iaby, ³³sady ty mitea ty nama manahaky ty vata, le soa lavitsy mandilatsy ty fanomeza oroa noho ty soro iaby." ³⁴Lafa hita i Jesosy fa nanome valin-tsafa hendry Ie, le nivola taminy Ie hozo: "Tsy lavitsy ty fanjakan-Janahary iha." Sady tafara zay, le tsy nisy olo nahasaky nampipetsaky fanontanea tamy i Jesosy sasy. ³⁵Namaly Jesosy, laha nampianatsy tamy ty egilizy ao Ie; le hoy Ie hozo: "Ino moa ro ivolana ty mpanota-dalà fa Kristy le ana i Davida? ³⁶Davida vatany, tamy ty Fanahy Masy, manao hozo: 'Ty Tompo nivola tamy ty Tompoko hozo: mipetsaha an-tana ankavanako eo, zisiky hanovako ty fahavalonao ho fipetsahan-tombokinao.' ³⁷Davida vatany aza nikaiky Azy hoe 'Tompoko,' ka le ino ro maha ana i Davida an'i Kristy?' Nijanjan' Azy tam-pifalea olo lako maro bibiky rey. ³⁸Tamy ty fampianarany Jesosy ro nivola hozo: "Miembena amy mpanora-dalà rey, ze tea mandehandeha amy ty salotsy lava sary tean-drozy ty fiarahaba azon-drozy am-bazary eny" ³⁹sady tean-drozy ty mahazo ty seza velohany amy ty synagoga any noho ty toera velohany amy ty fety any. ⁴⁰Mandrava ty tsano mpanday vata ndrozy rey, sady manao vavaky lava mare mba ho

hita ty olo. Lahilahy rey ro handramby fanasazia bevata vatany."⁴¹Bakeo Jesosy mnipetsaky nifanandrify ty vatan-drakitsy tamy ty faritsy ty egilizy ao; nanenty olo iaby ze nandrotsaky jala rey tamy ty vatan-drakitsy ao. Mpanankanana lako ro nandatsaky jala bevata le bevata ao. ⁴²Le nisy ampela mijaly mpandaivata raiky avy nandrotsaky farantsakely roe, ze kelikely variroevevata anohara amy ty iraimbilanja. ⁴³Le nikaihiny mpianatsiny rey sady hoy le tamin-drozy hozao: "Volaniko aminareo marina vatany, fa ampela mijaly mandaivata toy ro nandrotsaky lako mandilatsy amy ty olo ze nandrotsaky jala tamy ty vatan-drakitsy ao. ⁴⁴Safe ty iaby ro nanome tamy ty fananam-ben-drozy. Fa mpandaivata toy koa, famy ty fijaleany, le nandrotsaky ty jala iaby ze tokony hivelomany ao."

Chapter 13

¹Sady laha niala tan-kianja ty egilizy ao Jesosy, le nivola taminy ty raiky famy mpianatsiny rey hozao: "Mpampianatsy e, Hentao ty hasoa ty vato noho ty hasoa ty rafitsy!" ²Hoy ie taminy hozao: "Hitanao va rafitsy bevata ndreto? Tsy henga hisy vato raiky hifangaro eo ka le tsy ho rava." ³Sady laha nipetsaky tam-bohitsy i Oliva tandrify ty egilizy eo Ie, le nanontany Azy amy sisiny Petera, Jakoba, Jaona noho Andrea hozao: ⁴"Volano aminay, ombia ro hitsanga raha iaby zay? Ino ro fahaiza lafa hitsanga raha rey?" ⁵Sady Jesosy nanomboky nivola tamin-drozy hozao: "Miembena mba tsy hisy olo hampivio lala anareo. ⁶Fa lako ro ho baka amy ty Anarako noho hivola hozao: 'Zaho ro ie,' sady lako ro ho voafitaky. ⁷Lafa mahare aly noho resabey mikasiky ty aly nareo, le ka manqhy; tsy maintsy hitsanga rey, fa tsy mbo ze ty farany. ⁸Fa hisy firenea hitsanga hamango firenea, sady hisy fanjaka hamango fanjaka. Sady hisy horohoron-tany amy ty toera lako, sady hisy mosary. Zay ro fanomboha ty fijalea ty fiteraha. ⁹Miembena nareo. Hamean-drozy amy ty Synedriona nareo, sady ho vangoa amy ty synagoga ao. Hitsanga aloha mpanapaky rey noho mpanjaka rey noho ty Amiko nareo, ho vavolombelo amin-drozy. ¹⁰Fa ty Filazantsoa ro tsy maintsy ho ambara amy ty firenea iaby any aloha. ¹¹Lafa manambotsy noho manome anareo ndrozy, le ka manahy ty amy ze tokony ho volaninareo. Fa amy lera iny, ro hamea anareo ze tokony ho volaninareo; tsy nareo koa ro hivola, fa ty Fanahy Masy. ¹²Ty rahalahy hanome ty rahalahiny ho faty, sady ty baba hanome ty anany. Ty anaky hitsanga hanohitsy ty ray aman-dreniny ka le hahafaty androzy. ¹³Ho hala ty olo-iaby nareo noho ty Anarako. Fa ndra ia ndra ia ela zisiky amy ty farany, le ho voasarombaky olo zay. ¹⁴Fa laha hitanareo mitsanga amy ty tsy tokony hitsanganany eo ty fahativativa ty fandrava (engao hisay ze mamaky), le engao ze baka Jodia iaby any hilay am-bohitsy eny, ¹⁵ze anabo-tsano ao engao tsy hijotso an-tsano ao ndra hampiboaky raha baka amy zay ao, ¹⁶sady ze am-baibo any engao tsy himpoly hangalaky ty sikiny. ¹⁷Loza ampela bevoka noho mampinono amy andro zay! ¹⁸Mivavaha nareo mba tsy ho amy ty nintsy ro hitsanga zay. ¹⁹Fa hisy fijalea bey, ze tsy mbo nisy zisiky amy ty velohany, lafa namoro ty tany iaby zao Njanahary, ka le zisiky amy zao, sady zisiky farany tsy hisy sasy zay. ²⁰Sady laha tsy hoe nihakelezy ty Tompo andro zay, le tsy hisy nofotsy ho voasarombaky. Fa noho ty olo-voatingy, ze nitingininy, le nihajelezy ty hisa ty andro zay. ²¹Sady laha misy olo mivola aminao hozao: 'Hentao, atoy Azy Kristy iny!' ndra koa hozao: 'Hentao, eroy Ie!' le ka mino zay. ²²Fa hisy Kristy sandoky noho olo to-resaky sandoky hiboaky sady haneho fahaizz noho fahatsereha, mba hamitaha, ndra ty olo-voatingy aza, laha azo anovy. ²³Miembena, Fa voavolako taminareo aloha ty fotoa raha iaby rey. ²⁴Nefa afara ty fijalea andro rey, le hihaike ty masoandro, ty vola tsy hanome ty hazavany, ²⁵basia rey hioraky baka amy ty lanitsy eny, sady hery ze an-danitsy ao rey ho hozongozany. ²⁶Ka le hitan-drozy ty Anak'Olo baka amy ty raho eny amy ty hery bevata noho voninahitsy. ²⁷Sady haniraky ty anjeliny Ie ka le hamory miaraky olo-voatingy baka amy ty vazan-tany efatsy rey, baka amy ty fara ty tany any ka le zisiky amy ty fara ty lanitsy. ²⁸ngala lesona baka amy ty hazob'aviavy. Laha vo manoroky niho mandravo ty rantsany, le hainareo fa mariny ty lohatao. ²⁹Manahaky zay koa, laha vo hitanareo mitsanga raha iaby zay, le hainareo fa mariny Ie, manenky ty vavahady. ³⁰Volaniko aminareo, marina vatany, tariha toy ro tsy ho lany ritsy zisiky-pitsangana raha iaby zay. ³¹Ho rava ty lanitsy noho ty tany, fa ty safako koa tsy mba ho rava zisiky farany. ³²Fa ty mikasiky andro ndra lera zay, le tsy misy mahay, ndra le anjely an-danitsy any rey aza, ndra ty Anaky, fa Njanahary avao. ³³Miembena! Miembena, safe tsy hainareo ty lera. (Fanamariha: fahefa taloha rey le hozao: Miembena! Miembena sady mivavaha, safe...) ³⁴Zay ro manahaky ty lahilahy raiky handeha lavitsy_niala ty tsanony ie ka le mpiasany rey ro nanoviny niantoky ty tanony, samby amy ty rahalahiny iaby, sady nibeko ty mpiemby Ie mba tsy hiroro. ³⁵Ka le miemby, safe tsy hainareo hoe ombia ro ho avy ty tompon-tsano; mety ho amy ty hariva zay, ndra amy ty sasak'aly, ndra maneno akoho, ndra maray. ³⁶Fa laha avy tampoky ie, le ka enga hahita anareo miroro ie. ³⁷Ze volaniko aminareo le volaniko amy ty olo iaby koa: Miembena!"

Chapter 14

¹Sady ndroan'andro aloha ty Paska noho ty Fandrengena ty fihinana ty Mofo Tsy misy Masira tamy zay. Nila fomba hanambora an'i Jesosy milamy loha ty mpisoro rey noho ty mpanora-dalà sady hamono Azy bakeo. ²Fa hoasan-drozy: "Aleo tsy amy ty andro fety, mba tsy hampikorakoraky ty olo." ³Laha ta Betania any fan-tsano i Simona boka ao Jesosy, laha nipetsaky tan-databatsy eo Ie, le nisy ampela raiky namonjy Azy nanday favoara alabastara misy menaky sarotsy vily, ze narda tsy misy fangarony. Nivakiny tavoara iny le narorakiny tamy ty lohany eo zay. ⁴Nampeloky ty olo ilany anefa zay. Nifampiresaky ndrozy ka le nanao hozao: "Ino ro dika fandandania-avao zao? ⁵Menaky manitsy io ro afaky navily mandilatsy ty denaria telonjato, sady namea ty ty mijaly." Le nihelofa ampela iny ndrozy bakeo. ⁶Nefa hoy Jesosy hozao: "Engo ie. Nanino nareo ro manao ze mampalahelo azy? Raha soa ro nanoviny tamiko. ⁷Ty mijaly ro aminareo eo zisiky farany, sady afaky hanao asa soa ho androzy avao nareo ndra amy ty fotoa ino ndra fotoa ino, fa Zaho koa tsy hipetsaky aminareo eo zisiky farany. ⁸Nanao ze azony anovy ie: nanosotsy ty vatako ho amy ty fandevena ie. ⁹Volaniko aminareo marina, ndra aia ndra aia hanambará ty Filazantsoa mameno ty tany iaby toy, le ho volany ty nanovy ampela toy, mba ho fahatiarova azy." ¹⁰Bakeo Jodasy Iskariota, raiky tamin-drozy folo roa amby lahy, lasa nana amy loha ty mpisoro rsy any hahafaha y manome Azy amin-drozy eo. ¹¹Lafa nahare zay loha ty mpisoro rsy, le faly ndrozy ka le nampanantena hanome jala azy. Ke nanomboky nila hiriky hanomeza Azy amin-drozy ie. ¹²Tamy ty andro velohany ty fihinana ty mofo tsy misy masira, lafa nanao soro ty aondry ty Paska ndrozy, le hoy mpianatsiny rey taminy hozao: "Aia ro teanao andehananay hikorakara hany, mba hinananao ty hany ty Paska?" ¹³Le naniraky roe tany mpianatsiny rey Ie ka le nivola tamin-drozy hozao: "Mandehana an-tana any, sady hisy lahilahy manday sihoa atsiky rano hotojiky aminareo. Manoriha Azy. ¹⁴Ze tsano hiliarany, manoriha azy le volano ty tompo tsano zay hozao: 'Hoy ty Mpampianatsy hozao: "Aia ty efitsano fandrambesam-bahiny ahafahako miara-mihina ty Paska amy mpianatsiko rey?"' ¹⁵Hanoro efitsano bevata anabo esikalie misy enta ze fa vonona soa ho ahy nareo ie. Ao ro anovy ty fanomana iaby ho antsika." ¹⁶Le nandeha ty mpianatsy sady nahazo ty tanà. Hitan-drozy manahaky ze fa nivolaniny tamin-drozy ty raha-iaby, le nanoma ty hany ty Paska ndrozy. ¹⁷Lafa hariva ty andro, le niavy niaraky tamy folo roa amby lahy rey Ie. ¹⁸Lafa nipetsaky tan-databatsy eo noho nihina ndrozy, le hoy Jesosy hozao: "Volaniko aminareo marina, fa ty raiky aminareo ze miara-mihina amiko eto ro hamitaky Ahy". ¹⁹Nalahelo mare rozy iaby, ka le nivola taminy ty kirai-draiky hozao: "Tsy zaho mihintsy zay?" ²⁰sosy namaly ka le nivola androzy hozao: "Ty raiky aminareo folo roa amby zay, azy raiky miara-manatsoboky mofo amiko anay lovia zao." ²¹Fa ty Anak'Olo ro handeha amy ty lala ze fa voavola ty Soratsy Masy mikasiky Azy. Fa loza koa ho ahy lahilahy ze mamadiky ty Anak'olozay. Soa ho azy vatany aza laha tsy teraky ie." ²²Laha mbo fam-pihinana eo ndrozy, le nandramby ty mofo i Jesosy, nisaotsy, sady nizarazara zay. Nameany androzy zay sady nanao hozao: "Rambeso, toy ro vatako." ²³Le nandramby ty kapoaky Ie, nisaotsy, sady nanome zay ndrozy, le nino tamy zay rozy iaby. ²⁴Le hoy Ie tamin-drozy hozao: "Toy ty lio ty fanenkem-pilongoako, lio ze alatsaky ho ahy ty lako. ²⁵Volaniko aminareo marina, tsy hino vokatsy toy ty voloboky sasy Zaho zisiky-ia via ty andro ze hinomako zay ndraiky amy ty Fanjakan-Janahary any." ²⁶Lafa baka nihira fanompoa ndrozy, le nandeha tam-bohitsy i Oliva eny. ²⁷Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Hiala Zhy iaby nareo iaby, fa voasoratsy hozao: 'Hamango ty mpiemby aondry Zaho sady hiparitaky ty aondry." ²⁸Fa lafa baka hatsanga amy maty Zaho, le hitari-dala anareo a-Galilia ao." ²⁹Le hoy Petera taminy hozao: "Ndra le hiala iaby aza ty iaby, zaho tsy mba hiala." ³⁰Hoy Jesosy taminy hozao: "Volaniko aminareo marina, fa androany haly, laha mbo tsy maneno in-droe vatany ty akoho, le fa handà Ahy in-telo iha." ³¹Fa hoy Petera hozao: "Ndra tsy maintsy hiara-maty aminao aza zaho, tsy mba handà Anao." Le samby nampanantena manahaky zay iaby rozy iaby. ³²Sady niavy tamy ty toera anovy hoe Getsemane any ndrozy, le hoy Jesosy tamy mpianatsiny rey hozao: " Mipetsaha eto laha mbo mivavaky Zaho." ³³Le nanday an'i Petera, noho Jakoba, sady Jaona niaraky taminy Ie sady nanomboky nalahelo sady mijaly tanteraky. ³⁴Le hoy Ie tamin-drozy hozao: "Mijaly mare ty fanahiko, manahaky ty fa ho maty. Mipetsaha eto ka le miembena." ³⁵Nanalavitsy kelikely Jesosy, nandohaliky tamy ty tany, le nivavaky Ie mba laha hohatsy kable azo anovy, le hiala Aminy lera zay. ³⁶Hoy Ie hozao: "Baba, Njanahary e, ty taha iaby hainao anovy. Alao amiko kapowky toy. Neca engao tsy ty sitsapoko ro hanovy, fa ty Ahy nao." ³⁷Nimpoly Ie le nahita androzy niroro, ka le hoy Ie tany i Petera hozao: "Simona, miroro va iha? Tsy nahavita niemby lera raiky va iha? ³⁸Miembena le mivavaha mba tey hilaranareo amy ty fangalampanahy. Ty fanahy mety mazoto vatqny, fa ty nofotsy ro malemy." ³⁹Le nandrha ndarqiky Ie nisitaky kelikely sady nivavaky, sady le nampoly ty safa nanoviny taloha eo avao. ⁴⁰Nimpoly ndraiky Ie le nahita androzy niroro, fa navesatsy ty roro ty mason-drozy sady tet hitan-drozy ze nivolaniny taminy. ⁴¹Namonjy fanintelony Ie ka le nivola androzy hozao: "Mbo miroro noho mangalaky ay avao va nareo? Ampy zay! Fa niavy ty fotoa. Henteo! Ty Anak'Olo nivaliha hamea an-tanana ty mpanota eo. ⁴²Mitsangana; andao handeha tsika. Henteo, fa mariny azy

hamitaky Ahy iny."⁴³Sady laha mbo tam-mpivolana eo Ie, le avy Jodasy, raiky amy folo roa amby lahy rey, niaraky taminy olo lako mare ze nilanja meso bey noho langilangy, baka amy loha ty mpisoro rey, ty mpanora-dalà, sady ty olo-bey. sady ty olo-bey. ⁴⁴Sady azy mpamitaky Azy iny nanome fahaiza androzy, nivola hozo: "Ze horofako, Ie azy Ie iny. Samboro Ie le embenao." ⁴⁵Lafa niavy Jodasy, le namonjy an'i Jesosy direkita ie sady nivola hozo: "Raby," sady nanoroky Azy ie. ⁴⁶Bakeo le nisamborin-drozy Jesosy. ⁴⁷Fa nisy raiky tamy rey nitsanga teo nampiboaky ty meso-beny sady namango azy mpanompo ty mpisorobey iny ka le nanapaky ty sofiny. ⁴⁸Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Bakeo hanambotsy Ahy, manahaky ty hisambora Malaso, miaraky amy ty meso-bey noho langilangy va nareo?" ⁴⁹Tamy Zaho taminareo isan'andro eo noho nampianatsy tamy ty egilizy eo, tsy nisamborinareo. Fa nanovy zao mba hahantanteraky ty Soratsy Masy. " ⁵⁰Le niala Azy iaby rozy iaby niaraky tamy i Jesosy sady niparitaky. ⁵¹Sady nisy pamaraky raiky, tsy nisalotsy hafa-tsy siky hariry avao, nanoriky an'i Jesosy. Lafa nisambory ty olo ie ⁵²Le nengany teo ty sikiny ka le nandeha nilay nitanjaky ie. ⁵³Nandesin-xrozy tamy ty mpisorobey any Jesosy. Niara-nivory taminy teo iaby ty mpisoro iaby, noho ty olo-bey, sady mpanora-dalà rey. ⁵⁴Sady Petera nanoriky Azy baka lavidavitsy eny, zisiky amy ty tokatsanony ty mpisorobey. Nipetsaky tamy mpiemby rey eo ie, ze namalo fanila ty afo eo. ⁵⁵Sady pitariky ty pisoro rey noho ty Synedriona Jiosy le nila vavolombelo manohitsy an'i Jesosy mba hahafahan-drozy mamono Azy ho maty. Fe tsy nahita androzy. ⁵⁶Fa lako ty vandy Niazony, nefa ndra ty fanasazian-drozy aza tsy nimety. ⁵⁷Sady nisy olo ilany nitsanga ka le nazahoany Vandy; hoy ndrozy hozo: "Renay Ie nivola hozo: ⁵⁸Ho ravaky Eglizy nanovy tana toy, sady anay ty telo andro ao Zaho le hampitsanga raiky hafa tsy nanovian-tana." ⁵⁹Fa mbo tsy nifanaraky avao ty fanasazian-drozy. ⁶⁰Sady ty mpisorobey nitsanga famin-drozy eo le nanontany an'i Jesosy hozo: "Tsy manan-kavaly va Iha? Ino hanasazia olo reto Anao zay?" ⁶¹Fa tsy nivola Ie sady tsy namaly ndra ino ndra ino. Le mbo nanontany Azy ndraiky ty mpisorobey ka le nanao hozo: "Iha va ro Kristy, Anaky azy voatahy iny?" ⁶²Le hoy Jesosy hozo: "Zaho ro Ie; sady ho hitanareo ty Anak'Olo lafa mipetsaky an-tana an-kavana ty herin-Janahary eo noho baka amy ty raho ty lanitsy eny." ⁶³Sady ty mpisorobey nanataky ty fisikinany sady nanao hozo: "Mbo mila vavolombelo avao va tsika? ⁶⁴Fa renareo ty fivolana-raty. Ino ro fanapahan-kevitsinareo?" Rozy iaby le samby nanasazy Azy manahaky ty olo maeva ty ho maty. ⁶⁵Ty ilany nanomboky nadroaky Azy sady nanaro ty tarehiny ka le namango Azy sady nanao taminy hozo: "mananova to-resaky!" Sady manam-boninahitsy rey nangalaky Azy ka le nideboky Azy. ⁶⁶Sady laha tambany eo tan-kianja Petera eo, le namonjy azy ty raiky tamy mpiasa ampela ty mpisorobey rey. ⁶⁷Nahita an'i Petera nitsanga namindro tamy ty afo ep ie, le nidinihiny matiny. Le hoy ie taminy homao: "Iha koa niaraky tamy azy Nazarena iny, Jesosy". ⁶⁸Fa ie nandà zay, nanao hozo: "Tsy haiko sady tsy azoko ze volaninao." Bakeo le nandeha niala ty kianja ie. [Fanamariha: Fandika ilany manampy rey hozo: "Le nanoro ty aKoho," fa fandika ta,oha soa bibiky rey ro tsy misy an'isafa io.] ⁶⁹Fa azy aja ampela teo iny nahita azy le nanomboky nivola tamy olo nitsanga miodidy rey ndraiky hozo: "Lahilahy io ro raiky amin-drozy reny!" ⁷⁰Fa mbo nandà zay ndraiky ie. Kelikely bakeo le hoy rey nitsznga tamy i Petera eo hozo: "Raiky amin-drozy mihintsy iha, safe iha koa ro Galiliana." ⁷¹Fa nanomboky nanozom-bata noho nifanta ie hozo: "Tsy haiko lahilahy volaninareo zay." ⁷²Sady niaraky tamy zay le naneno fanindroeny ty akoho. Bakeo le nahatiaro ty safa i Jesosy taminy Petera hozo: "Laha tsy mbo maneno fanindroeny ty akoho, le handà Ahy in-telo iha," Le nalahelo mare ie sady nitany.

Chapter 15

¹Vo marandrai-bey, le nivory ty mpisorobey niaraky tamy olo-bey noho mpanora-dalà rey sady ty Synedriona Jiosy raiky iaby. Nifehezin-drozy Jesosy sady nandesin-drozy niboakky. Namean-drozy tamy i Pilato eo Ie.

²Nanontany Azy Pilato hozao: "Iha va ro mpanjaka ty Jiosy?" Nibaliny hozao: "Voavolanao." ³Nanome fanasazia lako manohitsy an'i Jesosy mpitariky ty mpisoro rey. ⁴Nanontany Azy ndraiky Pilato hozao: "Tsy manome valintsafa va Iha? Henteo ty halako ty fanasazia andesin-drozy manohitsy Anao!" ⁵Fa tsy namaly an'i Pilato sasy Jesosy, le nahatseriky azy zay. ⁶Sady tamy ty andro fifalefalea, le namototsy gadra raiky ho androzy avao Pilato, gadra ze angatahin-drozy. ⁷Niaraky tamy mpiharo tan-gadra ao rey, tamy mpamono olo ze voatandraky noho ty fandrambesan-drozy anjara tamy ty fiharoa rey, le nisy lahilahy raiky kaihe hoe Barabasy. ⁸Le nana amy i Pilato eo ty olo lako ka le nanomboky nangataky taminy mba hanao ho androzy manahaky ty fanoviny taloha any. ⁹lato namaly androzy ka le nanao hozao: "Teanareo va laha ty Mpanjaka ty Jiosy ro halefa ho ahy nareo?" ¹⁰Safe hainy fa fialona ro nanomeza ty loha ty mpisoro an'i Jesosy taminy. ¹¹Fa nanenta ty olo lako loha ty mpisoro rey mba hikoraky mare fa tokony ho Barabasy koa ro habototsy. ¹²Le namaly androzy ndraiky Pilato ka le nanao hozao: "Ino sady zay tokony ho anoviko amy ty Mpanjaka ty Jiosy?" ¹³Le nikorakodaky ndraiky ndrozy hozao: "Hahanto Ie!" ¹⁴Hoy Pilato tamin-drozy hozao: "Ino ro raty nanoviny?" Fa nikoraky mare zisiky any zisiky any ndrozy hozao: "Hahanto Ie." ¹⁵Te-hanao ze mahafa-po androzy Pilato, ka le nafahany ho androzy Barabasy. Nivangoany Jesosy safy bakeo nameany mba hahanto. ¹⁶Nandesy maramila rey ho an-kianja eo Ie (ze anivo-toera ty fanjaka), sady nikaihe iaby rey ty goropy maramila iaby rey. ¹⁷Nampisalin-drozy siky voloparasy Jesosy, sady nitaly foloara fatiky ndrozy ka le nametsaky zay taminy eo. ¹⁸Le nanomboky niarahaba Azy ndrozy sady nivola hozao: "Arahaba, Mpanjaka ty Jiosy!" ¹⁹Nivangoan-drozy tamy ty volotara ty lohany sady nandora taminy ep. Le nandohaliky tanilany eo ndrozy somary nanompo Azy. ²⁰Lafa baka nikizaky Azy ndrozy, le nalan-drozy taminy ndraiky ty sisky voloparasy sady nampisalin-drozy Azy ty fisikinany mznoka, sady le nandesy niboky Ie mba hahanto Azy rey. ²¹Niforisevan-drozy ty mpandalo daiky ze bala am-baibo any mba hitako ty hazofijalea i Jesosy, lahilahy raiky kaihe hoe Simona Kyreniana baba i Aleksandra noho Rofosy iny. ²²Nandesy maramila rey tamy ty toera anovy hoe Gologota any Jesosy (ze midika hoe "Toera ty karandoha"). ²³Namean-drozy fivay nifangaro mipra Ie, fa tsy nino zay Ie. ²⁴Le nahanton-drozy Ie sady nifampizaran-drozy tamy ty alala ty ankitsapaky ty fisikinany mba hahay ze antsasakiny rambesany ty maramila kirai-draiky. ²⁵Tamy ty lera fahatelo Ie ro nahanton-drozy. ²⁶Sady tamy ty takelaky hazo raiky eo ro nisoratin-drozy ty fanasazia nanohitsy Azy hozao: "Mpanjaka ty Jiosy." ²⁷Malaso roe ro niaraky nahanton-drozy taminy, ty raiky tan-kavanany eo sady ty raiky koa tan-kaviany eo. ²⁸[Fanamariha: Fandika taloha soa bibiky rey ro tsy manisany ty Marky 15: 28 hozao: "Le tanteraky ty Soratsy Masy manao hozao: 'Nanovy ho anisa ty mpanota Ie.' (Ampitovizo ty Lioka 22: 35)]" ²⁹nandalo rey eo ro nandratiraty Azy, nidoladolan-doha sady nanao hozao: "Aha! Iha azy afaky mandrava ty egilizy iny sady mamboatsy zay anay ty telo andro ao, ³⁰sarombaho ty vatanareo sady mijotso bakeo amy hazofijalea io!" ³¹Ty loha ty mpisoro koa ro nikizaky Azy manahaky zay, niaraky tamy mpanora-dalà rey, sady nivola hozao: "Namonjy ty hafa Ie, nefatsy mahasarombaky ty vatany. ³²Engao azy Kristy iny, azy Mpanjakan'Israely iny, hijotso baka amy ty hazofijalea eo, mba ho hitanay sady hinoanay," sady nahanto niaraky taminy rey koa ro nikizaky Azy. ³³Tamy ty lera faha eny, le avy tamy ty tany iaby ty haiky zisiky amy ty lera fahasivy. ³⁴Sady tamy lera fahasivy zay le nikoraky tamy ty feo mahery Jesosy hozao: "Eloy, Eloy lamàsabaktany?" ze midika hozao: "Njanahariko e Njanahariko e, nanino Iha ro nahafoy Ahy?" ³⁵Ty ilany tamy ze nitsanga rey teo nahare ty safany ka le nivola hozao: "'Henteo, mikaiky an'i Elia Ie." ³⁶Nisy o, o raiky nilay, namonto divay matikivy ty sipaonjy, sady niatoky zay tamy ty volotara, le nanome zay hinominy, Azy lahilahy nivola hozao: "Engao ho hitanay laha ho baka ampijoJoe Azy eo Elia." ³⁷Bakeo Jesosy nikoraky tamy ty feo mare le mety. ³⁸Tataky nizara roe zisiky anabo any ka le zisiky ambany any ty siky ty egilizy. ³⁹Lafa hita azy kapiteny ze nitsanga noho nifanatsiky tamy i Jesosy fa maty tamy fomba zay Ie, le hoy Ie hozao: "Tana Anan-Janahary marina vatany lahilahy io." ⁴⁰Le nisy ampela koa nanenty lavitsy eny. Anay zay Maria Magdalena, Maria (reny i Jakoba zainy noho Jesosy), sady Salome ⁴¹Tamy Ie ta Galilia any ro nanoriky Azy noho nanompo Azy ndrozy. Sady ampela lako hafa koa ro niara-niakatsy taminy ta Jerosalema any. ⁴²Ka le lafa niavy ty hariva, safe Andro Fiomana, zay hoe, andro aloha ty Dabata io, ⁴³le niavy teo Josefa baka Arimatia any. Mpikamba hajaina amy ty Synedriona ao ie, ze nandiny ty Fanjakan-Janahary. Nanam-pasakia ie nana amy i Pilato any hangalaky ty faty i Jesosy. ⁴⁴Tseriky Pilato hoe maty sahady Jesosy; le nikaihy azy kapiteny sady nanontany androzy laha maty Jesosy. ⁴⁵Lafa nahazo antoky tamy azy kapiteny iny ie fa maty Jesosy, le nameany an'i Josefa ty vata paty. ⁴⁶Sady Josefa nivily ty haniry maliniky. Nampijotsoa an'i Jesosy tamy ty hazofihalea eo ie, le namono hariry maliniky, Azy sady nampipetsaky Azy tan-dolo ao ze nilavaha tamy ty lafiam-bato ao. Bakeo nanodiky vato tamy ty varavaran-dolo eo ie. ⁴⁷Le hita i Maria Magdalena noho Maria reniny i Jesosy ty toera nandevena Azy.

Chapter 16

¹Lafa tampitsy ty andro ty Sabata, le nivily raha-manitsy hosora amy ty faty i Jesosy i Maria Magdalena noho Maria reny i Jakoba, sady Saloma nivily hanitsy mba handeha sady hanosotsy ty faty i Jesosy. ²Vo marain-dray bey tamy ty andro veloha ty herin'andro, le nana amy ty lolo ndrozy eny lafa niposaky ty masoandro. ³Le nifampivola ndrozy hozao: "Ia ro hanodiky ty vato amy varavaran-dolo eo ho ahy tsika?" ⁴Lafa niavin-drozy, le hitany fa voaodiky niala vato iny, ze tena bevata vatany. ⁵Ilitsy tan-dolo ao ndrozy le nahita pamaraky nisalotsy foty, nipetsaky tan-kavana eo, sady le tseriky ndrozy. ⁶Le hoy le tamin-drozy hozao: "Ka matahotsy. Mila an'i Jesosy nareo, azy Nazarena iny, ze nahanto. Nitsanha Ie! Tsy Ie. Hentao ty toera ze nametsahan-drozy Azy. ⁷Fa mandehana, volano mpianatsiny rey noho Petera fa hitari-dala anareo a-Galilia any Ie. Any ro hahitanareo Azy, manahaky ze nivolaniny taminareo." ⁸Niboaky ndrozy ka le nilay niala ty lolo; nangitikitiky noho jilo ndrozy. Tsy nivola ndra ino ndra ino tamy ty olo ndrozy safe tena natahotsy mare. ⁹[Fanamariha: Ty fandika taloha soa bibike le mangalaky ty Marka 16: 9-20] Vo maray tamy ty andro veloha ty herin'andro, tafara ty nitsanganany, le niboaky tamy i Maria Magdalena aloha Ie, azy nandtoahany demonia fito iny. ¹⁰Le nandeha Maria sady nivola ty vaovao tamy rey niaraky tamy i Jesosy, laha mbo nisaona noho nitany ndrozy. ¹¹Ren-drozy fa velo Ie sady nahota Azy ie, fetsy nino ndrozy. ¹²[Ty fandika taloha soa bibike ro mangalaky ty Marka 16: 9-20] Tafara raha rey Jesosy le niboaky tamy ty endriky hafa tamy ty lera tamin-drozy, laha nandeha ho an-tanà any ndrozy. ¹³Le nandeha ndrozy sady nivola tamy mpianatsy sisa rey, fe tsy nino ndrozy. ¹⁴[Fanamariha: Ty fandika taloha soa bibiky le mangalaky ty Marka 16: 9-20] Tafara tato le niboaky tamy ty folo raiky amby lahy Jesosy laha mbo tam-pihinana eo ndrozy, sady nivola mahery ndrozy Ie noho ty tsy finoa noho hahery ty fon-drozy, safe tsy nino ze nahita Azy tafara ty nitsanganany tamy maty ndrozy rey. ¹⁵Sady hoy Ie tamy rey hozao: "Mandehana amy ty tany iaby toy any, sady ambarao amy ty olo iaby ty Filazantsoa. ¹⁶Ze mino noho anovy batisa noho vonje, sady ze tsy mino koa ro ho sazia. ¹⁷[Fanamariha: Ty fandika taloha soa bibike ro mangalaky ty Marka 16: 9-20] Fahaiza ndretole hanoriky ze mino rey: Amy ty anarako ro hamoahan-drozy demonia. Hivola amy ty fivolana vaovao ndrozy. ¹⁸Handramby menara amy ty tana ndrozy, sady laha mino raha-mahafaty ndrozy, le tsy hampanino androzy zay. Hametsa-tana amy ty marary ndrozy, le ho afaky rey. ¹⁹[Ty fandika taloha soa bibiky ro mangalaky ty Marka 16: 9-20] Lafa baka niresaky tamin-drozy ty Tompo, le nampiakary ho an-danitsy any Ie sady nipetsaky an-tana ankavanana-Janahary eo. ²⁰Le nandeha mpianatsy nanambara safa iaby rey teny, sady ty Tompo niara-niasa tamin-drozy sady nampahery ty safa tamy ty alala ty fahaiza ze niaraky tamin-drozy.

Luke

Chapter 1

¹Lako ty niezaky nanoratsy tantara mikasiky raha-niseho ze tanteraky tamintsika rey, ²manahaky ze fa nanomezan-drozy azy tamintsika, ze fa vavolombelo nanatsy-maso noho mpiasa ty safa zisiky amy velohany. ³Sady amiko avao koa ro hohatsy mety - lafa nanontany soa ty fandehana ty raha iaby zisiky amy ty velohany - ty hanoratsy tatitsy manahaky ty filaharany ho ahy nao, Teofilo maeava bibiky. ⁴Zay ro mba hahaizanao ty marina mikasiky raha ze nampianary anao rey. ⁵Tamy ty andro i Heroda, mpanjaka ty Jodia, le nisy raiky tamy ty mposoro kaihe hoe Zakaria, baka amy ty antokoni Abia. Ty valiny le baka amy ty anak'ampela i Arona, sady ty anarany ro Elizabeta. ⁶Samby marina tanilan-Janahary eo ndrozy, sady nanenky lily iaby rey noho fitsipiky ty Tompo rey, ⁷Fa tsy nanan-anaky nefa ndrozy, safe miaro Elizabeta, sady samby fa tena antitsy avao koa rozy roe tamy fotoa zay rey. ⁸Sady zay ro mikasiky an'i Zakaria ta famonjeana-Janahary eo, nanantanteraky asa ty fisorona rey manahaky ty fifanoloa ty hisan-tokony. ⁹Manahaky ty fomba fanovin-drozy ty amy ty fitingina mpisoro ze tokony hanompo, le voatingy fy laro kelikely hilitry handoro ty emboky manitsy an-degilizy ty Tompo ao ie. ¹⁰Tamy ty lere nandoroa ty emboky manitsy le nivavaky tambaliky eny ty vokatsy iaby. ¹¹Sady nisy anjely ty Tompo niseho taminy sady nitsanga fankavana ty alitara eo nisy ty emboky manitsy. ¹²Lafa nahita azy i Zakaria, le natahotsy sady atsiky ty tahotsy ie. ¹³Fa hoy ty anjely taminy: "Ka matahotsy, Zakaria, fa nijanjiny ty vavako. Hiteraky aja lahilahy aminao Elizabety valinzo. jaonao ro hanovinareo ty anarany. ¹⁴Hanam-pifalea noho haravao iha, sady lako koa ro ho faly amy ty fahaterahany. ¹⁵Safe ho bey ie amaso ty Tompo eo. Tsy hino divay ndra raha-inomy mahery mihintsy ie, sady ho atsiky ty Fanahy Masy zisiky an-tsaratson-dreniny any ie. ¹⁶Lako amy ty olo lakon'Israely ro hitoliky amy ty Tompo Njanaharin-drozy. ¹⁷Handeha aloha ty tarehy ty Tompo eo amy ty fanahy noho ty hery Elia eo ie. Zay ro anovy le ty mba hitoliha ty fo ty raiky amy ty anaky, mba handehana ze tsy manenky amy ty lala ty fahendrea ty marina rey - mba hanoma olo lako fa vonona ho ahy ty Tompo nihomany ho

Azy."¹⁸Sady Zakaria nivola tamy anjely iny hozao: "Ino ro ahaizako zay? Fa zaho fa antitsy sady ty valiko ro tena fa antitsy." ¹⁹Sady hoy ty anjely namaly noho nivola taminy: "Zaho ro Gabriela, azy mitsanga anilan-Janahary eo iny. Sady voahiraky zaho mba hovola aminao, handay vaovao soa zao aminao. ²⁰Ka le ingo! Ho moa iha, ka le tsy afaky hivola, zisiky-hiavia ty andro hisehoa raha rey. Safe tsy nino ty safako iha, ze ho tanteraky amy ty fotoa voatondro." ²¹Sady ty olo lako vozaky-nandiny an'i Zakaria. Tseriky noho ty fijanonany ela tan-degilizy rozy ao. ²²Fa lafa niboaky ie, le tsy afaky niresaky tamin-drozy. Sady hay fa nahita fahita ie tan-degilizy ao. Nanao beko moa tamy rey ie sady nijano ho moa. ²³Sady lafa avy ty andro hitampera ty fanompoany, le nandeha noly tan-tsanony any ie. ²⁴Tafara ty andro rey, le niteraky-aja Elizabeta sady nivony anay ty limy vola. Hoy ie hozao: ²⁵"Zao ro nanovy ty Tompo ho ahy lafa nijilo ahy le mba hangalaky ty henatsiko anila ty olo eo." ²⁶Tamy ty faha enim-bola eo, le nirahin-Janahary ty anjely Gabriela nana amy ty tanà raiky any ta Galilia ao kaihe hoe Nazareta, ²⁷ho amy ajam-pela mbo tsy mahasaky lahy raiky any ze valy ty lahilahy kaihe hoe Josefa. Anay ty tariha i Davida ie, sady ty anara azy ajam-pela mbo tsy mahasaky lahy iny ro Maria. ²⁸Nana aminy eo ie sady nivola hozao: "Arahaba, azy nigasoavy bibiky iny! Ty Tompo ho aminao ao." ²⁹Fa tena tsobo hevitsy tamy ty safany ie nanontany vata hoe karaza fiarahaba manahaky ty ino zay. ³⁰Hoy ty anjely taminy: "Ka matahotsy, Maria, fa nahita sitsaky tamin-Janahary iha. ³¹Ingo, hobevoaka iha ka le hiteraky aja lahilahy. Sady ty anarany ho kaihe hoe 'Jesosy.' ³²Ho bey le sady ho kaihe hoe Ana ty Abo Bibike. Ty Tompo Njanahary hanome Azy ty seza fipetsaha i Davida razambeny. ³³Sady hanjaka zisiky farany amy ty tariha i Jakoba ie, sady tsy hisy farany ty fanjakany." ³⁴Hoy Maria tamy anjely iny: "Ino ro hiboaha zay, fa mbo tsy niaraky-niroro tamy ty lahilahy zaho?" ³⁵Ty anjely namaly noho nivola taminy hozao: "Hirotszky aminao ty Fanahy Masy, sady ty hery ty Abo bibiky ro hp avy aminao. Ka le azy masy iny ho teraky le ho kaihy hoe Anan-Janahary." ³⁶Ingo, Elizabeta longonao ro niteraky lahilahy avao koa ndra ro tamy ty ha-antitsy aza. Fa faha enim-bola ty azy zao, ie azy nikaihy hoe miaro. ³⁷Safe tsy misy raha tsy ho azo tanteraha amin-Janahary." ³⁸Hoy i Maria: "Ingo, zaho ro mpiasa ampela ty Tompo. Engao ho hantanteraky amiko zay manahaky ty hafatsinao." Sady niala taminy eo ty anjely. ³⁹Sady tamy andro zay i Maria le niala ks le nandeha malaky nana amy ty fany abo any, amy ty tanà i Jodia any. ⁴⁰Nana amy ty tsano i Zakaria any ie sady niarahaba an'i Elizabeta. ⁴¹Sady noho ty nahare ty fiaraba i Maria i Elizabeta, le nibisibisiky ty aja tan-tsarotsony ao, sady atsiky ty Fanahy Masy Elizabeta. ⁴²Nanondrom-peo noho nivola mare ie hozao: "Nisoavy noho ty ampela iaby iha, sady nisoavy ty nateraky ty sarotsongo. ⁴³Nanino zay ro mitsanga amiko fa azy reny ty Tompoko iny ro avy hamonjy ahy? ⁴⁴Fa ingo, lafa avy tan-tsifiko eo ty fiarabanao, le nientan-kafalea ty taja an-tsarotsoko ato. ⁴⁵Sambatsy ie ze nino fa ho tanteraky raha ze nivolany ty Tompo taminy rey." ⁴⁶Hoasa i Maria: "Manompo ty Tompo ty fanahiko. ⁴⁷sady ty fanahiko nifaly tamin-Janahary mpamonjiko ao. ⁴⁸Fa nanenty ty fijalea ty mpanompo ampelany le. Sady ingo, manomboky zao ty tariha iaby hikaiky ahy hoe sambatsy. ⁴⁹Safe nanao raha iaby tamiko azy mahefa ty raha iaby iny, sady masy ty anarany." ⁵⁰Fa ela ho ahy ty tariha farany ze matahotsy Azy ty famalozam-pony. ⁵¹Nampitoro ty heriny tamy ty sandriny ie; sady nampiparitaky ze nirengirengy tzmty ty eritseritsy ty fon-drozy rey. ⁵²Naongany tamy ty seza fiapetsahany ty anakilahy ty mpanjaka sady ambany nasondrotsiny rey. ⁵³Nanoviny vintsy raha-soa mosary rey, fa ty mpanan-kanana nampoliny tsy nana ndra ino ndra ino. ⁵⁴Nanome fanampea an'Israely mpiasany le, mba hahatiaroavany hanoro famalozam-po ⁵⁵(manahaky ty nivolaniny tamy babantsika rey) tamy i Abrahama noho ty tariahany zisiky farany." ⁵⁶Nijano nipetsaky tamy i Elizabeta ao vatany ho telo vola i Maria sady bakeo nimpoly noly tan-tsanony any. ⁵⁷Sady niavy ty fotoa hiteraha i Elizabeta ty anany sady niteraky aja lahilahy ie. ⁵⁸Nahare ty famalozam-po bevata nanovy ty Tompo taminy mpiarakany-mipetsaky aminy rey noho longony rey, sady niara-paly taminy rozy. ⁵⁹dy tamy ty andro fahavalo le niavy habavatsy ty aja rozy. Fa ho nikaihe rozy hoe " Zakaria," nanahaky ty anara-babany ie. ⁶⁰Fa ty reniny koa namaly sady nivola hozao: "Aha. Jaona ro hikaiha azy." ⁶¹Sady hoy rozy taminy: "Tsy misy any ty longonao kaihe amy abara zay." ⁶²Nanao beko moa tamy babany rozy ty amy ty teany hanovy anarany. ⁶³Nangataky tabilô fanorata babany sady nanoratsy hozao: "Jaona ro anarany." Sady le tseriky tamy zay rozy iaby. ⁶⁴Sady niaraky tamy zay le nivoha ty vavany sady nafaha ty lelany. Nivola ie sady nanompo an-Janahary. ⁶⁵Niavy tamy iaby niodidy androzy eo ty tahotsy. Sady niparitaky eraky ty tanà abo i Jodia ty raha-niboaky iaby teo. ⁶⁶Sady iaby nahare rey ro nandramby raha reny tam-pony ao, sady nivola hozao: "Hanjary ino zany aja toy?" Fa miaro azy ty tana ty Tompo. ⁶⁷Sady atsiky ty Fanahy masy i Zakaria babany sady nanao resaky to, kanle nivola hozao: ⁶⁸"Tompoe lahy ty Tompo, Njanaharin'Israely, fa niavy nanampy noho nanantanteraky ty fanafaha ho ahy ty olo lakony le. ⁶⁹Nanondrotsy abo ty tsifam-panavota ho ahy tsika an-tsano i Davida mpiasany ao le, ⁷⁰manahaky ze novolaniny tamy ty vava ty olo to-resaky masy rey tamy ty andro taloha tany. ⁷¹Handay famonjea amy ty fahavalontsika noho amy ty tana iaby tsy tea antsika rey le." ⁷²Zay ro hanoviny le ty mba hampitoro ty famalozam-po amy ty babantsika rey noho hampitiarovy ty fabenkeam-pilongoany Masy, ⁷³le azy fifanta nivolaniny tamy i Abrahama babantsika iny. ⁷⁴Nifanta ty hahazoantsika, lafa afaky tamy ty tana ty fahavalontsika, manompo Azy tsy amin-tahotsy, ⁷⁵am-pahamasina noho am-pahamarina anilany eo amy ty androntsika iaby. ⁷⁶Eka, sady iha, aja, le ho kaihe hoe to

resaky ty Abo bibiky, fa handeha hitariky ty tarehy ty Tompo iha sady hamboatsy ty lalany, mba hanoma ty olo ty amy ty fiaviany,⁷⁷ mba hanome fahalalam-pamomjea ho ahy ty olony amy ty alala ty famela ty helokin-drozy.⁷⁸ Zay ro hiboaky laha noho ty famalozam-po masy ty Njanaharintsika, noho ty amy zay ro hiboaha ty masoandro baka amy ty abo mba ho avy hanampy antsika,⁷⁹ hanazava ze mipetsaky anay ty haiky noho anay ty aloky ty fahafatesa rey ao. Hanoviny zay mba hitariha ty tombotsika amy ty lalam-piadana."⁸⁰ Sady ty aja ro nitombo sady nanjary nahery amy ty fanahy, sady twm-baliky any ie zisiky-iavia ty andro hiboahany mazava amin-Janahary.

Chapter 2

¹Sady tamy andro zay, le nandefa lily mibeko ze mibeko ty hanisaky ty olo iaby miay amy ty tany iqay toy eto Aogosto Kaisara. ²Zay ro fanisaham-mbahoaky nanovy velohany tamy i Kyrenio ro mpanapaky ta Syria any. ³Laha zay ty olo-iaby ro nana amy ty tanà niaviany any iaby mba hisoratsy anara ho ahy ty fanisaham-bahoaky. ⁴Le nandeha niakatsy baka a Galilia any koa Josefa, baka an-tanà ty Nazareta anyl ho a Jodia any, tanà i Davida ze kaihe hoe Betlehema, safe ie baka amy ty tsano noho longo i Davida any. ⁵Nandeha tany ie mba hisoratsy anara niaraky amy i Maria, ze valiny sady niteraky. ⁶Sady laha mbo tany rozy, le niavy ty fotoa hitwrahany ty anany. ⁷Niteraky aja lahilahy ie, anany velohany, sady ie nanafotsy sikin'aja Azy noho nampiroro Azy tamy ty fihinanam-biby, safe tsy nisy toera ho androzy tamy ty hotely ao. ⁸Nisy mpiemby aondry tamy faritsy zay ze nijanona tam-baibo ao, nandiny ty aondry lako tamy ty haliky. ⁹Nisy anjely ty tompo niboaky tamin-drozy, sady ty voninahitsy ty Tompo nipiriaky miodidy azy, sady atsiky tahotsy bevata rozy. ¹⁰Le nivola tamin-drozy ty anjely nanao hozao: "Ka matahotsy, fa handay vaovao soa ze handay hafalea bevata ho ahy ty olo iaby zaho. ¹¹Androany le nisy mpanavotsy ze teraky ho ahy nareo an-tanà i Davida ao! Ie ro Kritsy Tompo! ¹²Zao ro fahaiza ze hamea anareo: Hahita aja kelikely misafotsy sikin'aja sady miroro amy ty fihinanam-biby ei nareo." ¹³mpoky eo niadaky tamy anjely iny, le nisy tafiky ty lanitsy bevata nanompo an-Janahary nanao hozao: ¹⁴"Voninahitsy ho ahin-Janahary amy ty abo bibike any, sady hisy fiadana lahy an-fany eo amy tb olo ze enkeny eo." ¹⁵Sady lafa niala tamin-drozy eo nana an-danitsy any anjely rey, ty mpiemby aondry nifampivola hozao: "Andao tsika zao ho a-Betlehema any, sady hanenty raha-niseho zay, ze nampahaize ty Tompo antsika zay." ¹⁶Nandeha malaky tany rozy sady nahita an'i Maria noho Josefa, sady nahita ty aja kelikely niroro tzmty ty fihinanam-biby eo. ¹⁷Tafara ty nahitan-drozy Azy, le nampahaizin-drozy ty raha iaby nivolany androzy mikasiky aja io. ¹⁸Ze iaby nahare zay le tseriky ty amy ty nivolany ty mpiemby aondry tamin-drozy. ¹⁹Fa Maria koa nanohy nieritseritsy mikasiky ty raha iaby ze reny, sady nanajary reny tam-pony ao. ²⁰Nimpoly mpiemby aondty rey, nanome voninahitsy noho nankalaza an-Janahary noho ty raha iaby ze ren-drozy noho hitan-drozy, manahaky ze nivolany tamin-drozy. ²¹Lafa tampitsy ty andro fahavalo, lafa nisavary Ie, le namea anara hoe Jesosy, azy anara namea ty anjely Azy taloha ty nametsaha Azy tan-tsarotso ao iny. ²²Sady lafa lisatsy ty hisa ty andro nitake hiliovany, manahaky ty lalà i Mosesy, ro nanday Azy niakatsy ho an-degilizy any ta Jerosalema ao i Maria noho Josefa mba hanome Azy amy ty Tompo eo. ²³Manahaky ze voasoratsy amy ty lalà ty Tompo ao hozao: "Ty lahilahy iaby ze veloha-teraky ro hatoka ho ahy ty Tompo." ²⁴Laha zay le nanome soro manahaky ze voavola zmy ty lalà ty Tompo ao rozy, " domohina roe ndra anaky pizon roe." ²⁵dy ingo, nisy lahilahy ta Jerosalema any, Simona ro anarany, sady lahilahy zay le marina noho mafana fo. Nila ty fampionona an'Israely ie, sady taminy ao ty Fanahy Masy. ²⁶Nambara ty Fanahy Masy taminy fa tsy hahita fahafatesa aloha ty ahifany ty Kristy ty Tompo ie. ²⁷tarihy ty Fanahy, nana an-degilizy any Simona. Lafa nanday an'i Jesosy aja kelikely nilitsy ty ray aman-dreniny, mbz hanao Azy manahaky ty fomba amy ty lalà ao, ²⁸le niroasiny ho an-tsandriny eny Ie sady nanompo an-Janahary sady nanao hozao: ²⁹"Amy zao engao handeha moramora ty mpiasanao, Tompo e, manahaky ty safanao. ³⁰Fa ty masoko nahita ty famonjeanao, ³¹ze nomaninao tamy ty fanatseha ty olo iaby: ³²Le fahazava ho fanambara ho ahy ty Jentilisa sady vononahitsy ho an'Israely olonao." ³³Ty ray noho reny aka iny le jilo tamy ty raha nivolany mikasiky Azy. ³⁴Nitsipi-rano androzy Simona sady nivola tamy i Maria reniny hozao: "Ingo, aja toy ro voatondro ho amy ty fandavao noho fanondrota ty olon'Israely lako sady ho fahaiza ze tsy nenké - ³⁵sady hisy sabata handoaky ty fanhinao - mba ho voambara ty hevitsy ty fo lako." ³⁶Nisy olo to-resaky ampela raiky kaihe hoe Ana teo. Anak'ampela i Fanoela baka amy ty foko Asera ie. Tena antitsy ie. Nipetsaky niaraky tamy ty valiny fito tao tafara ty naha kelikely azy ie, ³⁷sady mpanday vata tanay ty valopolo efatsy amby tao. tsy niala ty egilizy mihintsy ie fa nanompo tamy ty fifalian-kany noho vavaky, andto noho baliky. ³⁸Tamy lera zay bibike le namonjy mariny androzy ie sady nanomboky nanome fisaora an-Janahary noho nivo,a ty mikasiky aja iny famy ty olo iaby ze nandiny ty fanavota an'i Jerosalema. ³⁹Lafa nahavita ty raha iaby honanoviny manahaky ty lalà ty Tompo ndrozy, le nimpoly ta Galilia any, amy ty tanàndrozy any a-Nazareta any. ⁴⁰Nihabey ty aja sady nihanatanjaky, nitombo fahendrea, sady ty fahasoavan-Janahary ro taminy ao. ⁴¹Ty ray aman-dreniny ro nana Jerosalema any isan-fao hamonjy ty Fifalea ty Paska. ⁴²Lafa folo roa amby tao Ie, le nandeha nana any manahaky ty fomba fanovo amy ty fety ndraiky ndrozy. ⁴³Sady lafa baka nipetsaky tany tanay ty andro ty fety iaby ndrozy, le nanomboky nimpoly noly ndrozy. Fa Jesosy aja lahilahy nijano ta Jerosalema any nefa tsy hay ty ray aman-dreniny zay. ⁴⁴Nanovin-drozy fa niaraky tamy ty olo niaraky-lia tamin-drozy Ie, le nandeha tanay ty andro raiky iaby ndrozy. Sady bakeo le nanomboky nila Azy tamy lonfony rey any noho namany rey ndrozy. ⁴⁵lafa tsy hitan-drozy Ie, le nimpoly ta Jerosalema any bdrozy kable nanomboky nila Azy tany. ⁴⁶Lafa afaky telo andro, le hitan-drozy tan-degilizy ao Ie, nipetsaky fanivo mpampianatsy rey eo, nijanjy androzy noho nametsaky fanonfanea tamin-drozy. ⁴⁷Ze iaby nanoro Azy le tseriky tamy ty fahaizany noho

valintsafany rey.⁴⁸Lafa nahita Azy ndrozy, le jilo. Ty reniny nivola taminy hozao: "Anaky, nanino iha ro nanao manahaky zao anay? Janjino, zaho noho babanao nila anao tami-tepotepo." ⁴⁹Ie nivola tamin-drozy hozao: "Nanino nareo ro nila Ahy? Tsy hainareo va fa tsy maintsy ho an-tsano ty Babako ao Zaho?" ⁵⁰Fa tsy azon-drozy ze teany hovolany tamy safa zay.⁵¹Le noly niaraky tamin-drozy ta Nazareta any Ie sady nanenky androzy. Ty reniny le nanajary raha iaby zay tam-pony ao. ⁵²Fa Jesosy nihanintombo fahendrea noho ty nitombo vata, sady nitombo fitea tamin-janahary noho ty olo.

Chapter 3

¹Tamy ty tao faha folo limy amby nanjaka i Tiberie Kaisara - tamy Pontio Pilato ro governora i Jodia, Heroda ro mpanapqky ta Galilia ao, Filipo rahalahiny le mpanapaky tamy ty faritsy Itoria noho Trakonitisy ao, sady Lysania ro mpanapaky i Abilena, ²anay ty fisoronam-bey i Aniasy noho Kaisafa - le niavy tan'efitsy any ty safan-Janahary. ³Nandeha tamy faritsy iaby miodidy rey any ahy ty Jordana Ie, nanambara ty batisa ty fibebaha ho hanenga heloky rey. ⁴Manahaky ty voasoratsy amy ty boky ty safa ty Isaia to-resaky ao hozao: "Nisy feo raiky nikaiky mare baka ambaliky any hozao: 'Anovo vonona ty lala ty Tompo, anovo mahity ty lala-andehanany.' ⁵Ty loham-baibo iaby ho fototsy, sady ty tsifam-bohitsy noho ty vohitsy hajotso, sady ty lala mivio ro amboary hahity, sady ty toera mikitoantoa ro hanovy lala, ⁶sady ty nofotsy iaby ro hahita ty famonjen-Janahary.'" ⁷Ka le nivola tamy olo lako rey ze niavy hanovy batisa i Jaona hozao: "Nareo taroha ry menara! Ia ro nampiemby anareo mba hilau ty heloky ze ho avy?" ⁸Laha zay, mamokara voa maeva ty fibebaha, sady ka manomboky mivola anainareo ao hozao: 'Zahay mana an'i Abrahama ho babanay,' fa mivola anareo zaho fa Njanahary ro afaky mampitsanga anaky ho an'i Abrahama baka amy vato reto. ⁹Amy zao aza ty famaky ro mipetsaky amy ty fototsy ty hazo eo. Ka le ty hazo iaby ze tsy mamoa voa soa ro voakapa sady hatoraky amy ty afo any. ¹⁰Sady olo lako rey ro nanontany azy direkita, nivola hozao: "Ino moa ro anovinay?" ¹¹Namaly ie ka le nivola tamin-drozy hozao: "Lafa misy olo mana salotsy lava roe, tokony mizara zay amy ty olo raiky ze tsy mana ie, sady ze mana hany koa ro tokony hanao manahaky zay." ¹²Mpamory haba rey koa ro niavy mba hanovy batisa, sady nivola taminy hozao: "Mpampianatsy e, ino ro tsy maintsy anovinay?" ¹³Ie nivola androzy hozao: "Ka mamory jala mandilatsy noho ze nasà halanareo." ¹⁴Maramila lako koa nanontany azy, nivola hozao: "Manao akory ty mikasiky anay? Ino ro tsy maintsy anovinay?" Ie nivola tamin-drozy hozao: "Ka mangalqky jala amin'olo forise, sady ka mavandy amin'olo. Mifalea amy ty karamanareo." ¹⁵Sady laha nandiny mare ty fiavia i Kristy ty olo lako, le nanontany tam-pony ao ty mikasiky i Jaona ty kirai-draiky, ndra mety ho ie ndra tsy ie ro Kristy. ¹⁶Jaona namaly tamy ty fivolana azy iaby hozao: "laha ty amiko, le manao batisa anareo amy ty rano zaho, fa misy olo raiky ho avy mahery mandilatsy ahy zay, sady tsy maeva zaho ndra ke hamaha ahy, fehi-kapany rey aza. Hanao batisa anareo amy ty Fanahy Masy noho ty afo Ie. ¹⁷An-tanany eo ty fikororohany mba hanaliova soa ty am-pomoloany noho hampitsangana ty vary ho amy ty sompiny any. Fa horoany amy ty afo tsy mety vonoe ty lila." ¹⁸Niaraky tamy ty fananara lako hafa avao koa, Jaona nanambara vaovao soa ho ahy ty olo lako. ¹⁹Heroda mpanapaky Lafa nanary noho ty fanambalea ty valin-ty rahalahiny Herodiasy, noho noho ty raha raty hafa iaby ze vitany, ²⁰le ho fanampea iaby zay, le nihiliny tan-gadra any Jaona. ²¹Sady, lafa vita batisa iaby ty olo iaby, le nanovy batisa koa Jesosy, sady lafa mbo nivavaky ie, le nivoha ty lanitsy, ²²sady ty Fanahy Masy nampiyovy endriky ka le nijotso taminy eo manahaky ty pizon, sady nisy feo baka an-danitsy any nanao hozao: "Iha ro Anako, teoko. Faky Zaho noho ty aminao." ²³Lafa nanomboky ty asa fanompoany Jesosy, le tamy ty telo-polo tao eo Ie. Ie ro anakilahy i (manahaky ty fidiniha) Josefa, ana i Hely, ²⁴ana i Matata, ana i Levy, ana i Melky, ana i Janay, ana i Josefa. ²⁵Josefa le ana i Matitia, ana i Amosa, ana i Nahoma, ana i Elsy, ana i Nagay, ana i Mata, ²⁶ana i Matatia, ana i Semey, ana i Joseka, ana i Joda. ²⁷Joda ro ana i Joanana, ana i Rase, ana i Zerobabela, ana i Sealtiel, ana i Nery, ²⁸ana i Melky, ana i Ady, ana i Kosama, ana i Elmadama, ana i Era, ²⁹ana i Josoa, ana i Eliezara, ana i Joreima, ana i Matata, ana i Kevy. ³⁰Levy ro ana i Simeona, ana i Joda, ana i Josefa, ana i Jonama, ana i Eliakima, ³¹ana i Melea, ana i Mena, ana i Matata, ana i Natana, ana i Davida, ³²ana i Jese, ana i Obeda, ana i Boaza, ana i Salmona, ana i Nahasona. ³³Nahasona ro ana i Aminadaba, ana i Adimina, ana i Arny, ana i Hezrona, ana i Fazera, ana i Joda, ³⁴ana i Jakoba, ana i Isaka, ana i Abrahama, ana i Tera, ana i Nahora, ³⁵ana i Seroga, ana i Teo, ana i Pelega, ana i Ebefa, ana i Sela. ³⁶Sela ro ana i Jenana, ana i Arpaksada, ana i Sema, ana i Noa, ana i Lemeka, ana i ³⁷Metosela, ana i Enoka, ana i Jareda, ana i Mahalalila, ana i Kenana, ³⁸ana i Enosa, ana i Seta, ana i Adama, anan-Janahary.

Chapter 4

¹Tafara zay Jesosy, lafa atsiky ty Fanahy Masy, le nimpoly baka amy ty renirano i Jordana any, sady nandesy ty Fanahy Masy tan'efitsy any ²ze nalà ty devoly fanahy Azy any tanay ty efapolo andro. Tsy nihina ndra ino ndra ino le anay andro rey, sady tamy ty fotoa farany le mosary le. ³Ty Devoly nivola taminy hozao: "Laha anan-Janahary Iha, le ampanjario mofo vato io." ⁴Namaly azy Jesosy hozao: "Voasoratsy hoe: 'Tsy mofo avao ro mahavelo olo.'" ⁵Bakeo nandesy ttajy ty toera abo eny Jesosy sady nasehony Azy tsy ela tsy ela iaby ty fanjaka iqby ty nay iaby toy. ⁶Ty devoly nivola taminy hozao: "Hameako anao ty fahefa iaby noho ty fipiriakiny iaby, safe fa namea ahy rey, sady afaky ameako ty olo ze teako ameaka azy. ⁷Laha zay, lafa mandohaliky noho manompo ahy Iha, leho lasanao zay." ⁸Nefa Jesosy namaly ka le nivola azy hozao: "Voasoratsy hoe: 'Hanompo ty Tompo Njanaharinao iha, sady le raiky avao ro ho tompoinao.'" ⁹Bakeo ty devoly le nanday an'i Jesosy ta Jerosalema any sady nanoviny tamy ty fara-nanabo ty egilizy eny, sady nivola taminy hozao: "Laha anan-Janahary Iha, le alavo baka etoy ty vatanao. ¹⁰Safe fa voasoratsy hozao: 'Hibeko ty anjelin'ny ty aminao le, mba hiaro anao,' ¹¹sady, 'Ndrosy hanondrotsy anao amy ty tanany, mba tsy ho heloky ty vato ty tombonao.'" ¹²Namaly azyl Jesosy nivola hozao: "Fa nambara hozao: 'Ka mangalaky fanahy ty Tompo Njanaharinao.'" ¹³Lafa vita ty fangala ty devoly fanahy an'i Jesosy, le nandeha ie sady niala Azy zisiky hiavia ty fotoa hafa. ¹⁴Bakeo Jesosy nimpoly ta Galilia any tamy ty gery ty Fanahy, sady ty vaovao mikasiky Azy le fa niparitaky nanera ty faritsy miodidy iaby. ¹⁵Le nanomboky nampianatsy tamy ty Synagogan-drozy ao le sady nitompoe ty iaby. ¹⁶Ndeha ta Nazareta any le, azy tana nahabevata azy iny, sady manahaky ty fomba fanoviny, le nilitsy tamy ty Synagoga ao tamy ty andro Sabata le ka le nitsanga mba hamaky safa mare. ¹⁷Nanome azy ty taratasy-lakon'Isaia to-resaky. Nivohany boky iny sady hitany ty toera nanorata azy, ¹⁸Ty Fanahy ty Tompo ro anovy amiko, safe le manosotsy ahy hilaza ty vaovao mahafaly ho ahy ty mijaly. le ro nandefa ahy hanambara fahafaha ho ahy ty gadra rey, sady hampimpoly ty fahita ho ahy ty jiky, hanafaky ze ampijalea rey, ¹⁹hanambara ty faom-panafahan-Janahary." ²⁰Bakeo le namboary ty taratasy, nampoliny tamy ty mpiemby any, sady nipetsaky le. Ty maso iaby rey tamy ty Synagiga ao ro nibanjina Azy. ²¹Nanomboky niresaky tamin-drozy le hozao: "Androany Soratsy Masy toy ro tanteraky ampijaninanareo eo." ²²Ty iaby tao ke nivola soa ty mikasiky Azy sady tseriky tamy ty safam-pahasoava ze naboaky ty vavany rozy, sady nanontany Ndrosy hozao: "Fa tsy azy ana i Josefa iny va toy?" ²³le nivola tamin-drozy hozao: "Azo antoky fa hivola ohabivolana toy amiko nareo hozao: 'Rokotera, afaho ty vafanao. Ndra ino ndra ino renay fa nanovinao ta Kapernaomy ao, le nanova manahaky zay amy ty taninao any.'" ²⁴Nefa nivola le hozao: "Volaniko aminareo marina, tsy misy olo to-resaky voaramby amy ty taniny ao. ²⁵Nefa volaniko aminareo marina fa lako ty ampela mpandai-vata ta Israely any tamy ty andro i Elia, lafa nihily ty lanitsy anay ty telo tao noho enim-bola, sady nisy mosary bevata niavy tamy ty tany iaby eo. ²⁶Nefa Elia tsy nalefa ndra tamy ty daiky tamin-drozy aza, fa ta Zarapata ao a-Sidona any avao, tamy ty mpandai-vata ze nipetsaky tany. ²⁷Fa lako boka rey ta Israely ao tamy ty andro i Elisa to-resaky, nefa tsy nisy ndra le daiky tamin-drozy aza afaky hafa-tsy Namàna azy Syria any." ²⁸Ty olo iaby tamy ty Synagoga ao le atsiky ty heloky lafa nahare raha rey. ²⁹Nitsanga ndrozy, nanao forise Azy hiala ty tanà, sady nandefa Azy fanabo vohitsy eny ze namboara ty tanan-drozy, mba halavo Azy amy ty hantsa. ³⁰Nefa nandeha namakivaky tanivon-drozy eo le le nanjary nadeha tamy ty toera-hafa any. ³¹Bakeo le le nijotso ta Kapernaomy any, tanà raiky a-Galilia any, sady nanomboky nampianatsy androzy tamy ty Sabata le. ³²Ndrozy ro nitseriky tamy ty fampianara nanoviny, safe novola tamy ty fahefa le. ³³ty tamy ty Synagoga ao ro nisy lahilahy ze nipetsaha ty fanahy maloto ty demonia, sady ie ro nikorakoraky tamy ty feo mare hozao: ³⁴"Eh! Ino ro ifandrambesanaybaminzo, Jesosy baka Nazerata any? Niavy mba hanimba anay va Iha? Haiko hoe ia Iha -azy Njanahary Masin-Janahary!" ³⁵sosy nivola mare demony iny, ka le nanao hozao: "Ka mivola sady mialà aminy ao!" Lafa nanoraky lahilahy hilavo tanivon-drozy eo ty demony iny, ke niala taminy ao, sady tsy nandratsy azy vatany. ³⁶Nitseriky iaby ty olo iaby, sady nanohy nifampiresaky ty mikasiky zay. Nivola ndrozy hozao: "Fa safa manahaky ty ino re zay?" Bekony amy ty fahefa noho hery ty fanahy maloto ro miboaky." ³⁷Laha zay le nznomboky niparitaky nameno ty faritsy miodidy ty lazany. ³⁸niala ty synagoga Jesosy sady nilitsy tan-tsano i Simona ao. Sady nampijano ty tazo mahery ty rafozan'ampela i Simona, sady nangataky taminy ho azy rozy. ³⁹Ka le nitsanga talohany eo le sady nivola mare ty tazo, le niala taminy zay. Direkita ie le nitsanga sady nanomboky nanompo androzy. ⁴⁰Lafa nilentiky ty masoandro, le nanday ty olo-iaby narary ty arety lako sambihafa tamy ty Jesosy eo ty olo. Nametsa-tana tamy ty kirai-draiky iaby amin-drozy le ka le nanafaky androzy. ⁴¹Demony rey avao koa ro niala tamy ty lako tamin-drozy eo, nikorakoraky mare noho nivola hozao: "Iha ro Anan-Janahary!" Jesosy nivola mare demonia rey ka le tsy nanenga androzy hivola, safe hain-drozy fa le ro Kristy. ⁴²Vo marain-dray bey, le nandeha tamy ty toera milamy any le. Olo lako mare bibiky ro nila Azy sady nana amy ty toera ze nisy AAzy eny. Ndrosy ro niezaky ty nitandraky Azy mba tsy hiala amin-drozy eo. ⁴³Fa le nivola tamin-drozy hozao: "Tsy maintsy

manambara ty vaovao mahafaly mikasiky ty fanjakan-Janahary amy ty tanà lako hafa avao koa Zaho, safe zay ro dika ty naniraha Ahy tetoy. ⁴⁴Bakeo Ie le nanohy nanambara tamy synagoga mamera an'i Jodia rey.

Chapter 5

¹ady zao ro niseho, lafa nikobo niodidy an'i Jesosy raha nahazo ret sady niJanjy ty safan-Janahary, le nitsanga famy sisny ty farihy i Genesareta eo Ie. ²Nahita laka roe nijano tany sisny ty farihy eo Ie. Fa niboaky tao mpohaza rey sady nanasa ty haratony rey. ³Nilitsy tany ty laka raiky rey Jesosy, ze an'i Simona, sady nangataky azy mba handefa zay amy ty rano lavidavitsy ty tany eny. Bakeo le nipetsaky Ie ka le nampianatsy olo tambaliky ty laka rey eny. ⁴Lafa tsy nivola Ie, le nivola tany i Simona Ie hozao: "Andeso ty ho amy ty rano laliky bibiky any ty laka le alatsaho ty haratonareo mba ahazoanareo fia." ⁵Simona namaly Azy ka le nivola hozao: "Tompo e, fa niasa zahay nankaly, fa tsy nahazo ndra ino ndra ino, fa noho ty safanao, le ha halatsako harato reto." ⁶Lafa nanovin-drozy zay, le nahavory fia lako mare rozy, sady nijatsy haraton-drozy rey. ⁷Ka le nanao fihetsiky tany namany ze tanay laka raiky hafa rey ao ndrozy fa rozy fa tokony ho avy sady hanampy androzy. Le niavy rozy ka le nanome ty laka roe, ka le nanomboky nilentiky rozy. ⁸Fa Simona Petera, laha vo nahita zay, le niondriky tan-tombo i Jesosy eo, nivola hozao: "Mialà amiko, fa lahilahy mpanota zaho." ⁹Fa tseriky ie, noho ze iaby niaraky taminy, noho ty habey ty fia ze azon-drozy. ¹⁰Tanay zay ao Jakoba noho Jaona, ana i Zebedio, ze mpiara miasa amy i Simona. Jesosy nivola tany i Simona hozao: "Ka matahotsy, fa manomboky zao le hihaza olo iha." ¹¹Lafa nandesin-drozy tan-tany eny ty lakan-drozy, le nanenga ty raha iaby ndrozy ka le nanoriky Azy. ¹²Le nitsanga zao laha mbo tany ty raiky tany tanà rey ao Ie, le nisy lahilahy atsiky haboka teo. Lafa nahita an'i Jesosy Ie, le niondriky Taminy eo sady nangataky taminy, nanao hozao: "Tompo, laha nety iha, le afaky manalio ahy." ¹³Sady le nanampatsy ty tanany Jesosy sady nikasiky azy, nivola hozao: "Mety zaho. Mananova malio." Teo noho eo le afaky taminy ty haboka. ¹⁴Nirany ie mba tsy hivola ndra amin'ia ndra amin'ia, fa nivolaniny taminy hozao: "Hitio ty lalanao, misehoa amy ty mpisoro sady manomeza soro ho ahy ty fanaliova anao, manahaky ze nibekoa i Mosesy, mba ho fitsangana vavolombelo amin-drozy." ¹⁵Nefa ty tatitsy mikasiky Azy le niparitaky lavitsy vatany aza, sady olo lako mare bibike rey ro niara-niavy mba hijanjy Azy nampianatsy sady mba ho afaky amy ty aretin-drozy. ¹⁶Nefa matetiky Ie le niala nana amy ty tany avao any sady nivavaky. ¹⁷Sady tany ty andro raiky tany andro nampianarany rey, le nisy Fariseo noho mpampiana-dalà nipetsaky teo ze baka amy ty tanà sambihafa zmy ty faritsy Galilia noho Jodia ao, sady avao koa baka amy ty tanà i Jerosalema ao. Ty hery ty Tompo ro taminy ao mba hanafaky. ¹⁸Sady nisy lahilahy ilany niavy, nanday lahilahy raiky ze voa ty paralisisa tany ty fandrea eo, sady ndrozy ro nila fomba handaisa azy anainy ao mba hametsaha azy ho aloha i Jesosy eo. ¹⁹Tsy nahita fomba hampilira azy tanainy ao rozy noho olo lako rey, laha zay le nana amy ty tompo-tsano any rozy sady nampijotso ty fandrea lahilahy iny bakeo an-tafo tsano eo, tany ty fandreany, tanivo ty olo eo, taloha i Jesosy eo. ²⁰Lafa nahita ty finoan-drozy, le hoy Jesosy hozao: "Lahilahy, voenga ty helokinao." ²¹Nanomboky nanontany mpanora-dalà rey noho Fariseo rey, ka le nivola hozao: "Ia moa ze mivola raty toy? Ia ro afaky manenga ty fahota hafa-tsy Njanahary raiky avao?" ²²Fa Jesosy, nahay ze nieritseretan-drozy, namaly sady nivola androzy hozao: "Nanino nareo ri manontany zay am-ponareo ao?" ²³Ino ro mora volany vatany: 'Voaenga ty helokinao' sa ty mivola hozao: 'Mitsangana sady mandehana?' ²⁴Nefa mba hahazanareo fa ty Anak'Olo ro manam-pahefa hanenga heloky antany eto, le volaniko aminao, mitsanga, andeso ty fandreanao sady mandehana an-tsanonao ao." ²⁵Teo noho eo le nitsanga talohan-drozy eo ie sady nangalaky fandrea ze nandreany iny. Bakeo le niala nana an-tsanony any ie, nanome voninahitsy an-Janahary. ²⁶Nijilo ty iaby sady nanome voninahitsy an-Janahary ndrozy. Atsiky tahotsy rozy, nivola hozao: "Nahita raha-mahatseriky tsika androany." ²⁷Tafara ty nitsanga raha rey, le niala teo i Jesosy ka le nahita mpamory haba raiky ze kaihe hoe Levy nipetsaky tany ty tsano lay ty mpamory haba eo. Nivola taminy Ie hozao: "Manoriha Ahy." ²⁸Le nitsanga i Levy ka le nanoriky Azy, ka le nanenga ty raha-iaby. ²⁹nanao fanasa bevata tan-tsanony ao ho an'i Jesosy i Levy. Lako mpamory haba noho olo hafa ze nipetsaky tany ty latabatsy eo rey sady nihina niaraky tamin-drozy. ³⁰Nefa Fariseo rey noho mpanora-dalà rey ro nitoreo tany mpianatsiny rey, nivola hozao: "Nanino iha ro mihina noho mino miaraky amy mpamory haba rey noho ty olo mpanota hafa?" ³¹Namaly androzy Jesosy hozao: "Tsy mila dokotera ty olo salama; fa marary rey avao. ³²Tsy avy hikaiky ty olo-marina ho amy ty fibebaha Zaho, fa hikaiky ty mpanota ho amy ty fibebaha." ³³Le hoasan-drozy taminy hozao: "Mpianatsy i Jaona rey le san'andro mifaly hany noho mivavaky, sady mpianatsy Fariseo rey le manao mahahaky say koa. Nefa ty mpianatsinao ro mihina noho mino." ³⁴Jesosy nivola androzy hozao: "Moa va misy olo mahavita mampifaly hany ty longo ty mpampiakatsy laha hohatsy ka le mbo mipetsaky amin-drozy eo ty mpampiakatsy?" ³⁵Fa hoe avy ty andro ze hangala ty mpampiakatsy amin-drozy eo, sady amy andro zay le hifaly hany rozy. ³⁶Le nanao fanohara tamin-drozy koa Jesosy. "Tsy misy olo manataky tapa-tsiky baka amy ty siky vaovao sady mampiasa zay mba hanamboara ty siky tonta. laha manao zay ie, le hanimba siky vaovao iny, sady tapa-siky baka amy siky vaovao iny le tsy hifanaraky amy siky tonta iny." ³⁷Tsy misy olo manisy divay vaovao anay ty sihoa holitsy tonta ao. Laha manao zay ie, le hampijatsy ty holitsy divay vaovao iny, sady le ho raraky ty divay, sady ho

simba sihoa holitsy iny. ³⁸Fa ty divay vaovao ro tsy maintsy anovy anay sihoa holitsy vaovao ao. ³⁹Tsy misy olo baka nino ty divay taloha ka le haniry ty vaovao, fa hoy ie hozao: 'Azy taloha iny ro soa.'"

Chapter 6

¹Sady tamy ty Sabata ro nandeha nana an-tanimbary any Jesosy noho mpianatsy rey nangalaky ty salohim-bary, nikosoky zay tamy ty tanan-drozsady nihina ty voa. ²Fa ty ilany tamy Fariseo rey koa nivola hozo: "Nanino nareo ro manao raha tsy ara-dalà ty manao azy amy ty andro Sabata?"³Namaly androzy, Jesosy nivola hozo: "Mbo tsy nivakinareo vatany va ze nanovy i Davida lafa mosary ie, ie noho lahilahy ze niaraky taminy rey?"⁴Nandeha nana an-tsanon-Janahary ao ie, sady nandramby ty mofo ty fanatseha noho nihina ty antsasaky tamy zay, sady nameany an-tsasaky koa ty lahilahy ze niaraky taminy mba hihina, ndra le ty mpisoro avao aza ro manahaky ty lalà laha mihina zay." ⁵Bakeo Ie nivola tamin-drozy hozo: "Ty Anak'Olo roTampo ty Sabata."⁶ady tamy ty Sabata hafa ro nandeha tamy ty synagoga ao Ie le nampianatsy ty olo lako tao. Nisy lahilahy taiky maty tana havana ao. ⁷Nanenty mariny Azy soa mpanora-dala rey noho fariseo rey mba hahita laha nanafaky olo amy ty Sabata Ie, mba afahan-drozy mahita antony hanasazia Azy. ⁸Nefa hainy ze tan-tsano ao rey sady nivola tamy lahilahy ze maty tana iny Ie hozo: "Mitsanga, sady mamonjea anivo ty olo-iaby eto." Ka le nitsanga lahilahy iny sady nitsanga teo.⁹Jesosy nivola tamin-drozy hozo: "Manontany anareo zaho, ara-dalà amy ty Sabata va ty fananova ty soa sa ty fanova ty raty, ty manavotsy ay sa ty manimba azy?" ¹⁰Sady nanenty ty miodidy azy iaby Ieka le nivola tamy lahilahy iny hozo: "Amparo ty tananao." Nanao zay ie, sady afaky ty tanany. ¹¹Nefa atsiky heloky rozy sady nifampiresaky mikasiky ze mety hanovin-drozy amy i Jesosy.¹²Tamy andro zay le nandeha nana am-bohitsy any Ie mba hivavaky. Nitohizany anay ty haliky iaby ty fivavaha tamin-Janahary. ¹³Lafa niavy ty andro, nikaiky ty mpianateiny ho aminy eo Ie, sady nitingy folo roa amby tamy rey Ie, ze nikaihiny avao koa hoe Apostoly.¹⁴Ty anara Apostoly rey le Simona (ie ze kaihy avao koa hoe Petera) sady ty rahalahiny Andrea, Jakoba, Jsons, Filipo, Bartelemeo, ¹⁵Matio, Tomasy, Jakoba anakiahy i Alfeo, Simona ze kaihy hoe Zelota, ¹⁶Jodasy ana i Jakoba, sady Jodasy Iskariota, ze nanjary mpamitaky.¹⁷Bakeo Jesosy nijotso ty vohitsy niaraky tamin-drozy le nitsanga tamy ty tany marina nizraky tamy ty mpianatsiny lako noho olo lako mare baka Jodia noho Jerosalema any sady ty sisin-tany ty Tyro noho Sidona. ¹⁸Niavy rey mba hijanjy Azy sady mba hafaha amy ty aretin-drozy. Afaky avao koa ty olo lako ze korontany ty fanahy maloto. ¹⁹Ty olo-iaby tamy olo lako rey ro niezaky ty hikasiky Azy zisiky any safe niboaky baka aminy ty hery manafaky, sady afakiny iaby rozy iaby.²⁰Le nanenty ty mpianatsiny Ie, sady nivola hozo: "Sambatsy nareo ze mijaly, fa ahy nareo ty fanjakan-Janahary. ²¹Sambatsy nareo ze mosary amy zao, fa ho vintsy nareo. Sambatsy nareo ze mitany amy zao, fa hihehy nareo.²²Sambatsy nareo lafa malay anareo ty olo sady lafa ahilikin-drozy noho haratin-drozy nareo, noho ty amy ty Anak'Olo.²³Mifalea amy andro zay sady mibitiha an-kafalea, safe azo antoky fa hahazo valisoa bevata an-danitsy any nareo, fa mitovy amy zay ro nandaisa ty raza ty mpaminatsiny rey.²⁴Fa loza ho ahy nareo ze manan-kanana, fa azonareo ze mahafa-po anareo.²⁵Loza ho ahy nareo ze vintsy amy zao, fa mbo ho mosary nareo afara any. Loza ho ahy nareo ze mihehy amy zao, fa hisaona noho hitany nareo afara any.²⁶Loza ho ahy nareo, lafa mibola soa mikasiky anareo ty olo iaby, fa mitovy amy zay ty nanovy ty razan-drozy tamy mpianateiny sandoky rey.²⁷Fa mivola aminareo ze mijanjy Zaho, tiavo ty fahavalonareo sady mananova ty soa amy ze malay anareo.²⁸Tahio ze manozo anareo sady mivavaha ho ahy ze manao teinotsino anareo rey.²⁹Laha misy manampify ty fifinao raiky, le ameo azy koa ty ilany. Lafa misy olo mangaaky ty sikinao, ka mitandraky ndra le ty sikinao koa aza. ³⁰Ameo ze iaby mangataky aminao. Lafa misy olo mangalsky ty raha ze ahy nao, ka mangataky ty hampoliany zay aminao.³¹Manahaky ze teanao hanovy ty olo aminao, le tokony hanovinao amin-drozy ka le zay. ³²Laha ze olo tea anao avao ro tiavinao, ino ro soa ho azonao amy zay? Fa ndra ty mpanota aza mba tea an'i ze tea azy koa. ³³Laha amy olo ze manao soa anao avao iha ro manao soa, ino ro soa ho azonao amy zay? Fa ndra ty mpanota aza ro manao manahaky zay. ³⁴Laha tsy mampindra hafa-tsy amy ze olo handinasa fa hampimpoly zay aminao avak iha, ino ro ao ho azonao amy zay? Fa ndra ty mpanota aza mampindra ty mpanota, mba hahazoa manahaky zay koa.³⁵Fa tiavo ty fahavalonareo sady mananova ty soa ho andrizy reny. Mampindrama ka le mandiny valiny sady ho bey ty valisoanareo sady ho anaky ty Abo Bibiky nareo, fa Ie vatany ro soa fanahy amy ze tsy misaotsy noho ty olo raty fanahy. ³⁶Manàna famalozam-po, manahaky ty Babanareo mpamalo fo. ³⁷Ka mitsara, sady tsy ho tsará nareo. Ka manasazy, sady tsy ho sazia nareol Manengà ty hafa, sady ho enga nareo.³⁸Manomeza, le amea nareo zay. Fahafaiza bevata _ ze atafotafo, miara-voakontsa sady mitobaky _ ro hanoriky am-pontsonanao. Manahaky ty fitibaharanareo, ro hitibahara anareo manahaky zay koa."³⁹Bakeo Ie nanao fanohara tamin-drozy koa. "Moa va ty olo jiky afaky mitariky olo jiky hafa? Laha manao zay ie, le mety hilatsaky any an-kady ie reo roe, sa aha? ⁴⁰Ty mpianatsiny raiky ro tsy bey noho ty mpampianatsiny, fa ze iaby nahatanteraky ty fiofana ro hitovy amy ty mpianatsiny.⁴¹Fa nanino iha ro manenty ty tapa-kazo kelikely ze anay ty maso ty rahalahinao ao, nefa tsy matsapa ty vatan-kazo anay masonao ao? ⁴²Ino ro ivolananao ty rahalahinao hozo: 'Rahalahy e, manenga ahy hangalaky ty tapa-kazo amy ty masonao eo io,' lafa tsy hitanao aza ty vatan-kazo amy ty masonao eo? Mpiahatsaravelatsihy!

Alao amy ty masonao eo aloha ty vatan-kazo, bakeo le hahita soa iha ka le afaky hangalaky ty tapa-kazo amy ty maso ty rahalahinao eo.⁴³Fa tey misy hazo soa hamokatsy voankazo lo, ndra hoe hazo lo hamokatsy voankazo soa. ⁴⁴Fa ty hazo kirai-draiky ro hay amy ty karazam-boankazo ze vokariny. Fa tsy afaky ty hamboly aviavy any ty fatiky ty olo, ndra hangalaky voloboky amy ty hazo voaroy.⁴⁵Ty olo soa mamokatsy ze soa baka amy ty hanana soa ty fony, sady ty olo raty mamokatsy ze raty baka amy ty hananan-draty ty fony. Fa ze aloky ty fony ro volany ty vavany.⁴⁶Fa manino nareo ro kikaiky Ahy hozao: 'Tompo, Tompo,' nefa nareo tsy manenky ze raha volaniko? ⁴⁷Ty olo iaby mamonjy Ahy noho mahare ty safako sady manenky zay, le ho volaniko anareo hoe mahahaky ty ino ie. ⁴⁸Mahahaky ty olo ze nampitsanga tsano ie, ze nandavaky laliky tany ty tany eo sady namboatsy ty fitotsy ty tsano tanabo lafiam-bato eo. Lafa niavy ty rano-vey, le nandriaky nanohitsy tsano zay ty rano bey, fa tsy nampikaiky azy, safe soa famboara ie iny.⁴⁹Sady ze olo mahare ty safako nefa tsy manenky zay, le mitovy amy ty olo ze namboatsy tsano tanabo ty tany eo ka le tsy nanisy fototsy. Lafa nandriaky namango tsano io ty rano bey, le nilavo direkita zay, sady rava tanteraky tsano zay."

Chapter 7

¹Lafa nahavita nivola ty raha iaby tanila ty olo lako eo Jesosy, le nilitsy ta Kepernaomy ao Ie.²Sady nisy kapiteny raiky nana mpiasa ze tena nihajany, sady narary noho fa mariny ho maty ie. ³Lafa nahare ty mikasiky an'i Jesosy kapiteny iny, le naniraky olo-bey ty Juosy ho Aminy any ie, hangataky Azy mba ho avy sady hanafaky ty mpiasany. ⁴Sady lafa niavy tamy i Jesosy eo ndrozy, le nangataky mare taminy, nivola hozo: "Maeva ty hananovanao zay ho azy ie, ⁵safe teany ty fireneany, sady ie namboatsy ty Synagoga iny ho ahy nay."⁶Ka le nanohy ty lalany niaraky tamin-drozy Jesosy. Fa laha mbo tsy lavitsy ty tsano Ie, le nandefa nama kapiteny iny nivola taminy hozo: "Tompo e, ka manahira-vata Iha, safe tsy maeva hiliranao ambany ty tafo-tsanoko ao zaho. ⁷Laha zay le tsy nidiniky ty vatako ho masva hana aminao eo zaho, fa mivolana safa raiky avao le ho afaky ty mpiasako. ⁸Ka le safe zao koa ro lahilahy ze ambany fahefa, mana maramila ambaniko ao koa. Hoy zaho amy raiky toy hozo: 'Mandehana,' le mandeha ie, sady amy ty raiky hafa: 'Avia,' le tamy ie, sady amy ty mpiasako hozo: 'Anovo toy,' sady le anoviny zay."⁹Lafa nahare zay Jesosy, le jilo taminy Ie, sady nitoliky tamy olo lako rey ze nanoriky Azy le nanao hozo: "Volaniko aminareo, fa ndra le ta Israely any aza tsy nahitako finoa mahahaky zao."¹⁰Lafa nimpoly tan-tsano any ze nirahy rey, le nahita fa tsy manahy soa mpiasa iny.¹¹Tafara kelikely zay, le nandeha tamy ty tanà any anovy hoe Naina i Jesosy, sady niaraky taminy mpianatsiny rey noho olo lako mare bibiky rey. ¹²Laha nanariny ty vavahady ty tanà Ie, ingo, nisy lahilahy raiky fa maty nandesy niboaky, anakilahy raiky ty reniny (ze mpandaivata), sady olo lako mare bibiky bala amy ty tanà ao eo niaraky taminy. ¹³Lafa nahita azy ty Tompo, le laginy tanteraky hazy ka le nanao taminy hozo: "Ka mitany." ¹⁴Bakeo le niakatsy Ie sady nikasiky an'i vata ze nandaisan-drozy lolo iny, sady nijano nanday zay rey. Hoy Ie hozo: "Pamaraky e, Hoasako aminao, miarena." ¹⁵Le niary maty iny ka le nanomboky nivola, sady Jesosy nanome azy tamy ty reniny eo. ¹⁶Nandresy azy iaby ty tahotsy, ka le nanohy nanompo an-Janahary zisiky any ndrozy, nivola hozo: "To-resaky bevata ro nitsanga amintsika eto" sady "Njanahary nitsinjo ty olony." ¹⁷Vaovao mikasiky i Jesosy toy ro niparitaky nameno an'i Jodia nohp faritsy miodidy iaby rey.¹⁸Mpianatsy i Jaona rey nivola taminy ty mikasiky raha rey. ¹⁹Le nikaiky ty roe tamy mpianatsiny rey Jaona ka le naniraky androzy ho amy ty Tompo any mba hivola hozo: "Iha va azy ho avy iny, sa tokony mbo hanenty hafa zahay?" ²⁰Sady lafa namonjy mariny an'i Jesosy rozy, le hoy lahilahy rey hozo: "Jaona mpanao batisa ro naniraky anay aminao atoy hanontany hozo: 'Iha va azy ho avy iny, sa tokony mbo hanenty hafa zahay?'"²¹Safy tamy lera zay le naha afaky olo lako tamy ty arety noho fijalea sady faharary baka amy ty fanahy raty Ie, sady olo jiky lako ro nampahitany. ²²Jesosy namaly ka le nivola tamin-drozy hozo: "Lafa baka nandeha tamy ty lalanareo nareo, tatero amy i Jaona ze hitanareo noho renareo. Nahita ty jiky, nandeha ty kolatsiky, nalio ty boka rey, nahare ty mareny, nitsanga-ho velo ty maty, sady nambara ty filazan-tsoa ty olo anay ty tsy fahampea. ²³Sambatsay ty olo ze tsy mijano ty mino Ahy noho ty anoviko."²⁴Sady lafa nandeha iraky i Jaona rey, le nanomboky nivola tamy ty olo lako Jesosy ty mikasiky i jaona hozo: "Hanenty ino ro niboahanareo tan'efitsy any? Volotara nahozongozo ty tsioky va? ²⁵Fa hanenty ino ro niboahanareo tany? Lahilahy misalotsy soa va? Hentao, ze misalotsy salotsy sarotsy vily rey noho miay amy ty fiaina soa ao rey le amy ty lapa ty mpanjaka ao. ²⁶Fa hanenty ino ro niboahanareo tany? Olo to-resaky va? Eka, hoy Zaho aminareo, sady mandilatsy lavitsy noho ty olo to-resaky."²⁷Ie ro voasoratsy hozo: "Ingo, alefako aloha nao ty mpanday hafatsiko, ze hanoma ty lalanao aloha nao." ²⁸Volaniko aminareo, fa aminareo ze nateran-ampela ro tsy misy bey noho Jaona. Nefa kelikely bibiky amy ty fanjakan-Janahary ao le bey noho ie."²⁹(Lafa nahare zay ty olo iaby, anay zay mpamory haba rey, le nanambara fa marina Njanahary, safe nanovy batisa tamy ty batisa i Jaona rozy. ³⁰Fa Fariseo rey noho mpahay lalà Jiosy rey koa nandà ty tanjon-Janahary ho ahy ty vatan-drozy safe tsy nanovy i Jaona batisa.)³¹"Amy ino, moa, ro afahako mampitovy ty olo amy ty tariha toy? Manahaky ty ino moa rozy?"³²Manahaky ty aja mihisa am-bazary eny rozy, ze mipetsaky noho mifampikaiky sady mivola hozo: "Nitsoky sody ho ahy nareo zahay, le tsy nisindraky nareo. Nanao hira fisaora ho ahy nareo zahay, le tsy nitany nareo."³³Fa Jaona mpanao Batisa niavy tsy nihina mofo sady tsy nino dibay, le hoasa nareo hozo: "Misy demonia ie." ³⁴Ty Anak'Olo niavy nihina noho nino, le hoasa nareo hozo: "Hentao, fa tea-hany noho mpino Ie, nama ty mpamory haba noho mpanota rey!"³⁵Fa ty fahendrea ro voamarina amy ty anany iaby."³⁶Sady ty raiky tamy Fariseo rey nanasa an'i Jesosy hihina miaraky aminy. Ka le lafa baka nilitey tan-tsano Fariseo rey ao Jesosy, le nipetsaky hihina tamy ty latabatsy eo. ³⁷Ingo, nisy ampela tan-tanà ao ze mpanota. Sady lafa nahay ie fa nipetsaky tamy ty latabatsy eo tan-tsano Fariseo ao Ie, le nanday tavoara alabastara atsiky menatsy manitsy ie. ³⁸Sady lafa nitsanga tafarany tanila ty tombony eo ie, le nitany, ka le nanomboky nandeha ty tombony tsmy ty ranomasony, ka le nifafany tamy ty volon-dohany rey sady nanoroky ty tombony sady nanosotsy rey tamy ty menaky manitsy."³⁹Lafa nahita zzy Fariseo nanasa an'i Jesosy iny, le nieritseritsy, nivola hozo: "Laha to-resaky lahilahy toy, le tokony ho hainy hoe karaza ampela manao akory mikitiky Azy io, fa mpanota io." ⁴⁰Jesosy namaly ka le nivola taminy hozo: "Simona,

misy raha ho volaniko aminao." Hoy ie hozao: "Volaniko zay, Mpampianatsy e!"⁴¹ Jesosy nivola hozao: "Nisy mpampitsosa jala nana mpitsosa roa lahy. Ty raiky le tokony handoa diman-jato denaria, ty raiky dimam-po.⁴² Lafa tsy afaky nandoaky zay taminy rozy, le samby nengany rozy roe lahy. Laha zay, ia amy rozy roe lahy ro ho tea Azy vatany?"⁴³ Simona namaly Azy ka le nivola hozao: "Dinihiko fa azy namoizako bey." Le hoy Jesosy taminy hozao: "Marina ty fitsaranao."⁴⁴ Sady Jesosy nitoliky tamy ampela iny ka le nivola tamy i Simona hozao: "Hitanao ampela io. Nilitsy tan-tsanonao ato Zaho. Tsy nanome rano hanasa ty tomboko iha, fa ie nahalontsiky tomboko rey tamy ty ranomasony sady namafa androzy tamy ty volon-dohany.⁴⁵ Tsy nanoroky Ahy iha, fa hay ze nilirako tato le tsy nijano nanoroky ty tomboko ie.⁴⁶ Tsy nihosoranao solo-bonio ty lohako, fa ie nanosotsy ty tomboko tamy ty menaky manitsy.⁴⁷ Laha zay le mivola aminao Zaho fa, fahotany rey, ze lako, le voaenga _ safe ie bey fitiava. Fa ze nenga kelikely, ro tea kelikely."⁴⁸ Le hoy Ie taminy hozao: "Voenga fahotanao rey."⁴⁹ Niaraky-nipetsaky nihina rey teo ro nanomboky nifampiresaky tamin-drozy eo hozao: "Ia moa toy ro le manenga heloky rey?"⁵⁰ Bakeo hoy Jesosy tamin'ampela hozao: "Ty finoanao ro nahasarombaky anao. Mandehana am-piadena."

Chapter 8

¹Sady tafara kelikely zay le nanomboky nandeha nitety tanà noho vohitsy sambihafa Jesosy, nanambara ty filazantsoa mikasiky ty fanjakan-Janahary. Niaraky taminy folo roa amby lahy rey, ²manahaky ty ampela ilany ze afaky tamy ty fanahy raty noho ty arety rey: Maria ze nikaihe hoe Magdalena, ze fa namoaha demonia fito; ³Johana, valy i Koza, ze mpitandraky raharaha i Heroda, sady Sosana; noho lako hafa rey koa, ze, tamy ty fananan-drozy, le nanome ze nilan-drozy.⁴Laha mbo nisy olo lako mare namory, le tamy namonjy Androzy olo baka amy ty hisan-tanà, Le nanao fanohara ie hozao:⁵ "Nisy mpamboly niboaky mba handraraky ty voany. Laha ie nandraraky iny, le voararakaky tamy sisin-dalà ty ilany eny sady le voahitsakitsaky zay, sady lany ty voro ty lanitsy. ⁶Ty ilany koa voararakaky tamy ty lafiam-bato eny, ka laha vo nitimoky, le nalazo zay, safe tsy nisy hamandoa.⁷ady ty ilany ro voararakaky tamy ty fatiky eo, sady ty fatiky niaraky-nitiry tamy ty voa ka le nanasazy zay. ⁸Ty ilany voararakaky tamy ty tany lonaky eny ka le namoa vokatsy ze soa bibiky mimpoly indranto." Tafara i Jesosy nivola raha rey, le nikaiky mare le hozao: "Ze manan-tsofy hijanjina, engao ie hijanjy."⁹Nanontany Androzy mpianatsiny ty amy ty tea fanohara zay hambara. ¹⁰Hoy le hozao: "Ty fahaiza ty raha-tsy hita ty fanjakan-Janahary le namea anareo, fa ho ahy ty hafa le miresaky amy ty fanohara Zaho, mba tsy hahita rozy ndra le mahita aza, sady tsy hahay ndra le mahare aza."¹¹Sady zao ro dika fanohara iny: ty voa ro ty safan-Janahary. ¹²Voararakaky safa amy ty sisin-dala rey le ze mahare rey, fe bakeo le niavy ty devoly ka le mangalakaky safa iny tan-gadra ao, mba tsy hino noho voasarombaky rozy. ¹³Sady tamy ty lafiam-bato eo koa le rey zay, lafa mahare ty safa, ke mandramby zay amin-kafalea. Nefa tsy misy fotony rey; tsyla tsy ela avao ty finoan-drozy, sady amy ty fotoa futsapa ke lavo rozy.¹⁴Voa voararakaky rey tamy ty fatiky eo ro olo mahare ty safa rey, fa lafa mahare amy ty lalany rozy, ke voasazy ty fiahia noho ty hanana sady ty fahafinaretana fiaina zao, ka le tsy matoe ty voany. ¹⁵Fa ty voa voararakaky tamy ty tany soa, le rey ro, mahare ty safa tamy ty fo marina noho soa, sady rozy mitandraky azy soa sady namokatsy am-pahareta.¹⁶Sady, tey misy olo, lafa nandrehtsiny jiro, le manaro azy amy ty sarony ndra mametsaky zay ambany fandrea ao. Fa koa, mametsaky azy amy ty fananovan-jiro eo, mba ho hita ty olo iaby ze militsy ty hazava. ¹⁷Safe tsy misy tampy ze tsy ho ampahaizy, ndra raha tsy hita ze tsy ho hay sady hiboaky qmy ty hazava eo. ¹⁸Ka le mijanjy soa, ze mana, le mbo hamea bevata vatany, fa ho ahy ze tsy mana koa, ndra ze dinihiny hananany aza le halà aminy.¹⁹Bakeo ty reniny noho ty rahalahiny namonjy Azy, nefa tsy afaky nanariny Azy noho ty olo lako. ²⁰Nisy nivola taminy hozao: "Ty reninao noho ty rahalahinao ro mitsanga ambaliky ao, te hahita anao." ²¹Fa Jesosy namaly noho nivola tamin-drozy hozao: "Ty reniko noho ty rahalahiko le ze mahare ty safan-Janahary rey noho manao zay."²²Sady ndraik'andro ro nandeha an-tsambo kelikely le niaraky tamy mpianatsiny rey, sadt le nivola tamin-drozy hozao: "Andao tsika ho ampita ty farihy eny." Le nandeha rozy. ²³Fa laha nandeha iny rozy le azon-droro Jesosy. Sady nisy talio niavy tamy ty farihy eo, ka le atsiky rano ty laka, sady nisaofin-doza rozy.²⁴Bakeo nana aminy eo ka le namoha Androzy mpianatsy i Jesosy, nanao hozao: "Tompo e! Tompo e! Ho maty tsika!" Sady nifoha le ka le nivola mare ty tsioky noho ty rano manonja, sady nijano rey, ka le nisy fienena teo. ²⁵Sady nivola tamin-drozy le hozao: "Aia ty finoanareo?" sady natahotsy mare rozy. Sady natahotsy ro sady tseriky avao koa rozy, sady nifampanontany hozao: "Ia moa io iny, ro mibeko ndra ty tsioky noho ty rano aza, sady manenky Azy rey?"²⁶Rozy roe le nitandrsky ty farihy i Gerasena, ze tandrify ty farihy i Galilea. ²⁷Sady lafa niakatsy hana an-fanety eny Jesosy, le nifanojiky tamy ty lahilahy raiky rey baka an-tanà ao ze nisy demonia. Sady fa ela ie ro tsy nisalotsy, sady tsy nipetsaky tan-tsano zo fa tamy ty lolo eny.²⁸Lafa nahita an'i Jesosy ie, le nikoraky mare noho niondriky talohany eo ka le nivola tamy ty feo mare hozao: "Ino ro iarahanao amiko, Jesosy e, Anan-Janahary Abo bibike e! Mangataky Anao zaho, ka mampijaly ahy."²⁹Fa Jesosy nibeko ty fanahy maloto hiala tamy lahilahy iny. Fa anay ty fotoa lako ro nanasazia azy zay, ka le ndra le nifehezy tamy ty rojo noho gadra vy sady niembena aza ie, le nitorony rojony rey sady nandesy ty demonia tan'efitsy any ie.³⁰sosy nanontany asy hozao: "Ia ro anaranao? Sady hoy ie hozao: "Legiona," fa lako ty demonia ze fa nilira taminy ao. ³¹Rozy nangataky Azy direkita mba tsy handefa azy ho amy ty lavaky tsy hita mosary any.³²Sady nisy koso-lako mare nihina tanila ty vohitsy eo. Ka le nangataky Azy demonia iny mba hanenga androzy ho amy rey ao, ka le nanenga azy le. ³³Ka le niboaky tamy lahilahy ao demonia rey sady nifalo tamy koso rey, sady nitsatsevatseva tamy ty ty hantsa any nana amy ty farihy ao koso-lako rey ka ly maty.³⁴Sady noho ty raha nitsanga mpiemby ty koso rey, le nilay ka le nivola zay tan-tanà ao noho tam-baibo any. ³⁵Laha zay le niboaky ty olo fan-tanà ao mba hanenty ty raha niseho, sady namonjy an'i Jesosy rozy ka ke nahita lahilahy ze niboaha ty demonia iny. Sady ie nipetsaky tan-tomboky i Jesosy eo, nisalotsy sady ampy say; sady natahotsy rozy.³⁶Bakeo ze nahita zay rey nivola androzy ty fomba nahafaky lahilahy nanjakà ty demonia toy. ³⁷Sady ty olo lako iaby tamy ty faritany i Garasena eo le nangataky an'i Jesosy mba hiala amin-drozy eo, szfe atsiky tahotsy mare rozy. Laha zay le nandeha an-daka le mba ahafan-drozy mimpoly.³⁸Lahilahy niboaha ty Demonia iny ro nangataky taminy mba hanenga azy handeha hiaraky aminy, fa

Jesosy nandefa azy, nivola hozao: ³⁹ "Mimpolia an-tsanonao any ka le manomeza tatitsy atsiky mikasiky ze nanovin-Janahary taminao." Sady lahilahy nandeha tamy lalany iny, ro nanambara manera ty tanà iaby ze nanovy i Jesosy taminy. ⁴⁰ Sady lafa nimpoly Jesosy, le nandramby azy ty olo lako, fa rozy ro fa nandiny Azy. ⁴¹ Ingo, nisy lahilahy raiky anovy hoe Jairo, ze raiky tamy mpitariky tamy ty Synagoga rey ao, nampnny noho nandohaliky tantomboky i Jesosy eo, ka le nangataky azy mba ho an-tsanony any, ⁴² safe ty anak'ampelany raiky, ze ajam-pela tamy ty folo roa amby tao teo noho eo, ro ambava ty fahafatesa eo. Laha nandeha tamy ty lalany Jesosy, le niara-nifampipitipitiky niodidy Azy ty olo lako mare. ⁴³ Sady nisy ampela raiky teo ze fa nandeha lio tanay ty folo roa amby tao sady fa nandany ty jalany iaby, sady tsy nisy nahafaky azy ndra ia ndra ia. ⁴⁴ Sady ie ro nana afara i Jesosy eo ka le nikasiky ty hohin-tsikiny, le nijano direkita ty liony. ⁴⁵ Jesosy nivola hozao: "Ia nikasiky Ahy lehany iny?" Lafa nandá rozy iaby, le hoasa Petera hozao: "Tompo, miodidy Anao iaby ty olo lako iaby sady manery Anao." ⁴⁶ Fa Jesosy nivola hozao: "Nisy nikasiky Zaho, safe haiko fa nisy hery niala baka amiko ato." ⁴⁷ Lafa hita ampela iny fa tsy toakony ie, le nangitikitiky ie sady niondriky Taminy eo. Nambarany tamaso ty olo eo ty antony nikasihany Azy, noho ty fomba nahafaky azy direkita. ⁴⁸ Sady Ie nivola taminy hozao: "Anak'ampela, ty finoanao ro nahafaky anao. Mandehana moramora." ⁴⁹ Bakeo laha mbo nivola ie, le nisy olo raiky synagoga, nanao hozao: "Maty ty anakinao ampela. Ka manahira ty mpampianatsy sasy." ⁵⁰ Fa lafa nahare zay Jesosy, le namaly an'i Jairo Ie hozao: "Ka matahotsy; minoa avao, le ho afaky ie." ⁵¹ Lafa nana an-tsano ao Ie, le tsy nanenga bdra le olo raiky azz hiara-hilitsy aminy hafa i Petera noho Jaona noho Jakoba, noho ty baba aja iny sady ty reniny. ⁵² Sady ty iaby ro nisaona noho nitany azy, ⁵³ Fa Ie nivola hozao: "Ka mitany; tsy maty ie fa miroro." Le nihehy Azy rozy, safe hay fa maty aja ampela iny. ⁵⁴ Fa nirambesiny tamy ty tana ie ka le nikaiky mare, nivola hoao: "Anaky, mitsangana!" ⁵⁵ Sady nimpoly ty fanahiny, ka le nihariny direkita ie. Sady nibeko androzy Ie mba hanome hany ho azy. ⁵⁶ Sady tseriky ty Ray aman-dreniny, fa Ie koa nandrara androzy mba tsy hivola ndra amin'ia ndra ia ty raha ze nitsanga.

Chapter 9

¹Nikaiky folo roa amby lahy rey le sady nanome androzy ty hery noho fahefa amy demonia iaby rey sady hanafaky arety rey. ²Nalefany rozy hanmbara ty fanjakan-Janahary noho hanafaky ty marary. ³Hoy le tamin-drozy le hozao: "Ka manday ndra ino ndra ino amy ty lianareo_ tsy misy tehy, tsy misy kitapom-batsy, tsy misy mofo, tsy misy jala, sady tsy misy salotsy ambiny. ⁴Ze tsano iliranareo, le mijanona ao zisiky-ialanareo. ⁵Ndra ia ndra ia tsy handrambesan-drozy anareo, lafa miala tanà zay nareo, le ahintsano hiala amy ty tombonareo ty lemboky mba ho fitsanga vavolombelo anohera androzy." ⁶Bakeo le nandeha rozy sady namakivaky tanà rey, nanambara ty filazantsoa noho nanafaky teny iaby. ⁷Sady re i Eroda mpanapaky iaby ze niseho iaby rey, sady ke tsobo hevitsy ie, safe voavola ty ilany fa Jaona mpanao batisa ro nitsanga tamy maty, ⁸sady voavola fa niseho Elia, sady ty ilany koa mivola fa raiky tamy olo to-resaky fa ela rey ro nitsanga tamy maty. ⁹Hoy Eroda hozao: "Zaho ro nanapa-doha an'i Jaona, koa ia ndraiky olo aharezako raha manahaky zay?" Sady niezaky ty hahita Azy ie. ¹⁰Lafa nimpoly apostoly rey, le nitantara taminy raha iaby vitan-drozy rey. Bakeo nandesiny niaraky taminy rozy, sady nandeha nitoka ho amy ty tanà kaihe hoe Betsaida. ¹¹Fa vo nahare ty mikasiky zay olo lako rey, le nanoriky Azy. Le nirambesiny rozy sady nambarany androzy ty mikasiky ty fanjakan-Janahary, sady nanafaky ze nila fanafaha rey le. ¹²Sady lafa ho hariva ty andro, le namonjy Abdrozy folo roa amby ka le nivola hozao: "Alefaso handeha olo lako rey mba afahan-drozy mandeha amy tanà miodidy rey any noho ambanivohitsy mba hahita firoro noho hany, safe amy tany avao atoy tsika." ¹³Fa hoy ie tamin-drozy hozao: "Ameanareo raha ho hany ndrozy." Sady nivola hozao rey: "Tsy mana mandilatsy noho ty mofo limy noho fia roe zahay _ laha tsy hoe mandeha zahay sady mivily hany ho ahy olo iaby rey." ¹⁴(Teo ro nisy tamy ty lahilahy dimy arivo rey teo noho eo). Sady nivola tamy mpianatsiny rey le hozao: "Apetsaho ho goropy dimampolo hisaky ndrozy zay." ¹⁵Ka le nanao zay ndrozy, sady nampipetsaky olo lako rey. ¹⁶Nandramby mofo limy noho fia roe rey, le niandrandra ty lanitsy le, nisaotsy rey sady nizarazarany, ka le nameany mpianatsy rey zay mba ho bzmea olo lako rey. ¹⁷Nihina rozy iaby ka le afa-po, sady navoriny sasany sisa tsy lany rey _ ka le nisy potipotiny folo roe amby haro. ¹⁸Sady lafa nivavaky manoka Jesosy, le niadaly taminy mpianatsy rey. Le nanonfany androzy le, nanao hozao: "Anovy olo lako ho ia moa zaho rey?" ¹⁹Namaly rozy hozao: "Jaona mpanao batisa. Fa ilany nivola hoe Elia rey, sady ilany mivola fa nitsanga tamy maty rey ty raiky tamy olo to resaky fa ela rey." ²⁰Sady nivola tamin-drozy le hozao: "Fa anovinao ho ia moa Zaho?" Namaly Petera hozao: "Azy Kristin-Janahary iny." ²¹Fa nirarany mare rozy tsy hivola zay ndra amin'ia ndra ia, ²²nanao hozao: "Ty Anak'Olo ro tsy maintsy hijaly amy ty raha lako sady tsy ho enke olo-bey noho pitariky ty mpisoro sady mpanora-dalà rey, ho vonoe le sady amy ty andro fahatelo le hatsanga." ²³Sady hoy le tamin-drozy iaby hozao: "Laha misy te hanoriky ahy, le tsy maintsy mandà ty vatany ie sady manday ty hazofijaleany isan'andro sady manoriky Ahy. ²⁴Ndra ia ndra ia ts hanavotsy ty ainy ls hanary zay, fa ndra ia ndra ia manary ty ainy noho ty fitiava Ahy le hanavotsy zay. ²⁵Ino ro soa azo ty olo amy ty fanana ty tany iaby toy. nefa manary ndra manimba ty ainy. ²⁶Fa ndra ia ndra ia nenatsy ty amiko noho safako rey. le ho menatsy azy koa ty Anak'Olo lafa avy amy ty voninahitsy, noho ty voninahitsy Njanahary noho anjely masy rey le. ²⁷Fa volaniko aminareo marina, fa ty ilany amy ze mitsanga eto rey ro tsy hahita fahafatesa aloha ty ahitany ty fanjakan-Janahary." ²⁸Sady valo andro teo noho eo tafara ty nivolana i Jesosy safa rey, le nandesiny niaraky taminy Petera noho Jaona sady Jakoba ka le niakatsy ty vohitsy hivavaky. ²⁹Laha nivavaky iny le, le nioa ty endriky ty tarehiny, sady nivalo foty mipiriaky ty salotsiny. ³⁰Ingo, nisy roe lahy niressky taminy, Mosesy noho Elia, ³¹ze niboaky tam-boninahitsy mipiriaky. Niresaky mikasiky ty fialàny le, ze handesiny ho tanteraha a-Jersalema any. ³²Sady Petera noho ze niaraky taminy rey ro navesatsy ty roro, fa lafa tena taitsy tanteraky rozy, le nahita ty voninahitsy noho lahilahy roe ze nitsanga niaraky taminy rey. ³³Sady lafa niala nanalavitsy an'i Jesosy rozy, le hoasa Petera taminy hozao: "Tampo, soa amintsika ty mijano eto. Engao zahay hamboatsy fialofa telo, raiky ho Ahy nao, raiky ho ahy i Mosesy, sady ty raiky ho ahy i Elia." (Tsy hainy ze nivolaniny.) ³⁴m-pivolanany eo zay ie, le nisy raho niavy nanaro androzy, ka le natahotsy rozy lafa nilitsy tamy raho iny ao. ³⁵Nisy feo niboaky baka amy raho iny any, nanao hozao: "Toy ro Anakilahiko, azy Raiky voatingy iny; janjino le." ³⁶Lafa nivola feo iny, le Jesosy raiky ro hita eo. Nitandraky ty tsy fivolanany rozy sady tsy nivola tamin'ia ndra ia tamy andro zay ty mikasiky ze iaby hitan-drozy. ³⁷dy ty andro manaraky an'io, lafa nijotso baka am-bohitsy any ndrozy, le olo lako mare nifanojiky taminy. ³⁸Ingo, nisy lahilahy raiky baka amy ty olo lako ao ro nikoraky mare, nanao hozao: "Mpampianatsy e, mangataky aminao zaho mba hanenty anakilahiko toy, fa anako toka ie. ³⁹Hitanao, misy fanahy mibeko azy le mikoraky tampoky ie; mampifaninto azy zay ka le mampiboaky rehoky ty vavany. Tsy miala aminy zay sady mahatorova tanteraky azy. ⁴⁰Nangataky fajy mpianatsinao rey zaho mba hangalaky zay, fa tsy afaky ndrozy." ⁴¹Namaly Jesosy ka le nanao hozao: "Nareo tsy mpino noho tariha raty fandaisam-bata, fangirifiry ro tsy maintsy hioetsahako miaraky aminareo noho hiaretako miaraky aminareo? Andeso atoy ty anakilahiko." ⁴²Lafa namonjy aja lahilahy iny, le

natoraky ty demonia tamy ty tany is sady nampanampatsy azy. Fa Jesosy nivola mare fanahy maloto iny sady nanafaky aja lahilahy iny, sady nampimpoly azy tamy ty babany any.⁴³ Sady bakeo le jilo iaby rozy iaby nahita ty habevatan-Janahary. Laha tsetiky tamy ty raha-iaby nanoviny iny ndrozy, le hoy Ie tamy ty mpianatsiny hozo: ⁴⁴"Engao safa ndreto hanjary laliky an-tsofinareo eo: ty Anak'Olo ro ho valiha ho an-tanan'olo eo." ⁴⁵Fa tsy azon-drozy fanambara zzy. Zay ro navony tamin-drozy, laha zay tsy azon-drozy ty dika zay, sady mbo natahotsy ndrozy ty hanontany ty mikasiky fanambara zay.⁴⁶ Sady najeo le nisy fifamalea nanomboky tamin-drozy eo ty amy ze ho bey bibike amin-drozy. ⁴⁷Fa Jesosy, nahay ty fihevitsy raiky ka le napetsakiny tanilany eo ⁴⁸sady nivola tamin-drozy hozo: "Fa ndra ia mandramby aja toy amy ty anarako, le mandramby Ahy; sady ndra ia ndra ia mandramby Ahy, le mandramby azy raiky ze naniraky Ahy iny. Fa ze kelikely bibiky aminareo iaby ro bey."⁴⁹ Jaona namaly hozo: "Tompoko e, nahita olo raiky zahay nangalaky devoly tamy ty anaranao le nisakananay ie, safe ie tsy manaraky-lia miaraky aminay."⁵⁰ "Ka rarà ie," hoy Jesosy, "safe ze tsy manohitsy anareo ro mikasiky anareo."⁵¹ Lafa nanenky ty andro ampiakara Azy, le niatsiky ho a-Jersalema any Ie. ⁵²Nandefa mpanday hafatsy Ie nitariky Azy, sady nandeha ndrozy ka le nilitsy tamy ty tanà Samaritana raiky mba hanoma ty raha iaby ho Azy. ⁵³Fa ty olo lako tao tsy nandramby Azy, safe nitoliky ho a-Jersalema any Ie. ⁵⁴Lafa nahita zay Jakoba noho Jaona mpianatsy, le hoy rozy hozo: "Tompoko, teanao va zahay laha handeha afo milatsaky baka an-danitsy any mba hanimba androzy?" ⁵⁵Fa nitoliky Ie sady nivola mare tamin-drozy, ⁵⁶sady nandeha tamy ty tanà hafa any rozy. ⁵⁷Sady lafa nandeha tan-dala eny rozy, le nisy olo raiky nanao taminy hozo: "Hanoriky Anao zzho ndra aia ndra aia andehananao." ⁵⁸Jesosy nivola taminy hozo: "Ty halakoa olo manan-davaky, sady voro rey an-danitsy eny le mana ty akaniny, fa ty Anak'Olo tsy mana toera asia ty lohany."⁵⁹ Sady hoy Ie tamy ty hafa hozo: "Manoriha Ahy." Fa hoy ie hozo: "Tompoko, engao tseky zaho handeha handevy ty babako." ⁶⁰Fa hoy Ie taminy hozo: " Engao ty maty handevy ty maty aminy ao. Fa ho ahy nao, mandehana ka le manambarà lavitsy any sady itaro ty fanjakan-Janahary."⁶¹ Sady nisy olo hafa nanao hozo: "Hanoriky Anao zaho, Tompo, fa engao tseky zaho hanao veloma androzy an-tsanoko any." ⁶²Jesosy angady sady mieriky ka le maeva ho amy ty fanjakan-Janahary ao."

Chapter 10

¹Sady tafara raha reny, le nitingy fitopolo lqhy hafa ty Tompo, sady nandefa androzy reny kiroe-droe nitariky Azy yamy ty tanà iaby eny noho toera ze fa handehanany. ²Hoy le tamin-drozy hozao: "Bey ty vokatsy, fa tsy ampy ty mpiasa. Laha zay angataho ty Tompobty vokatsy mba handefa mpiasa mba ho amy ty vokatsy eny." ³Mandehana amy ty lalanareo. henteo, alefaso manahaky ty anak'oaondry anivo ty alika-ly eo nareo. ⁴Ka manday fipetsahan-jala, ndra fipetsahan'enta, ndra kapa, sady ka miarahaba ndra ia ndra ia an-dala eny. ⁵Ze tsano hiliranareo, ambarao aloha hozao: 'Fiadana lahy ho amy tsano toy!' ⁶Laha misy olo ty fiadana ao, le hipetsaky aminy ty fiadana ze volaninareo, fa laha tsy misy koa, le himpoly aminareo zay. ⁷Mipetsaha amy tsano io eo avao, mihinana noho minoma ze amean-drozy, fa ty mpiasa ro maeva ty karamany. Ka mifalofalo tsano. ⁸Fa amy ze tanà iliranao, ka le mandramby anareo, hano ze aroso alohanareo eo, ⁹sady enkeo ty marary ze ao. Volano rozy hozao: 'Fa manenky anareo ty fanjakan-Janahary.' ¹⁰Ndra ombia ndra ombia nareo ro militsy tanà ka le tsy mandramby anareo nrozy, le miboaha an-dala eny sady volano hozao: ¹¹'Fa ndra ty lemboky ty tanànareo ze mipitiky amy ty tombonay aza le ho fafanay hanohitsy anareo! Haiko nefa zao: Fa manariny ty fanjakan-Janahary.' ¹²Volaniko aminareo fa amy ty andro ty fitsara ro ho azo andefera vatany ty ahy i Sodoma noho ty ahy ty tanà zay. ¹³Loza ho ahy nao, Korazina! Loza ho ahy nao, Batsaida! Fa laha ty asa bevata ze nanovy taminao ao ro anovy ta Tyro any noho Sidona, le fa ela ndrozy ro nibebaky, nipetsaky tamy ty siky fisaona noho rava. ¹⁴Fa ho azo andefera vatany ty ahy i Tyro noho Sidona amy ty fitsara noho ty aminareo. ¹⁵Iha, Kapernaomy, mieritseritsy va iha fa ho hasondrotsy an-danitsy any? Aha, handesy mijotso amy ty Hadesy any iha. ¹⁶Ze mijanjy anareo ro mijanjy Ahy, sady ze mandà anareo ro mandà Ahy, sady ze mandà Ahy ro mandà azy naniraky Ahy iny. ¹⁷Nimpoly am-pifalea fito-polo rey, ka le nivola hozao: "Tompō, ndra le ty demonia aza le nanenky anay tamy ty anaranao." ¹⁸Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Nanenty an'i Satana nilatsaky baka an-danitsy any manahaky ty helatsy Zaho." ¹⁹Henteo, fa nameako anareo ty fahefa hanitsaky ty menara, ty movio, sady anabo ty hery iaby ty fahavalo, sady ndra ino ndra ino ro tsy hisy handratsy anareo amy ty fomba iaby. ²⁰Ndra le zay aza le ka mifaly avao amy zay, hoe nanenky anareo ty fanahy, fa mofalea vatany hoe voasoratsy an-danitsy any ty anaranareo. ²¹Tamy fotoa io avao ro nifaly vatany tamy ty Fanahy Masy ao ie, sady nivola hozao: "Manompo Anao Zaho, Njanahary, Tompo ty lanitsy noho ty tany, fa navoninao raha reny tamy ty hendry noho ty manan-tsay, sady nambara tamy tsy manampahaiza rey, manahaky ty aja maliniky. Eka, Babako, fa zay ro anenkea soa amasonao eo." ²²Ty raha-iaby ro nankiny Njanahary tamiko. sady tsy misy mahay hoe ia ty Anaky hafa-tsy ty Njanahary, sady tsy misyvmahay hoe ia Njanahary hafa-tsy ty Anaky noho ze nitinginy ty Anaky haseho Azy. ²³Bakeo le niodiky tamy mpianatsy rey ro le ka le nivola moramora hozao: "Sambatsy ze mahita raha ze hitanareo rey. ²⁴Ambarako aminareo, olo to-resaky noho mpanjaka lako ro naniry hahita ze raha hitanareo, fa tsy hitan-drozy zay, sady hahare raha renareo rey, fa tsy ren-drozy zay." ²⁵Ingo, nisy nampianatsy ty lalà ty Jiosy raiky nitsanga mba hitsapa Azy, ka le nivola hozao: "Mpampianatsy e, ino ro tsy maintsy hanoviko mba handova ty fiaina zisiky farany?" ²⁶Jesosy nivola taminy hozao: "Ino ro voasoratsy amy ty lalà ao? Ino ro famakianao zay?" ²⁷Namea valin-tsafa ie le nivola hozao: "Tiavo ty Tompo Njanaharinao amy ty fonao iaby, amy ty fanahinao iaby, amy ty herinao iaby, sady amy ty fisianao iaby, sady ty namanao manahaky ty vatanao." ²⁸Jesosy nivola taminy hozao: "Marina ty navalinao. Anovo zay, le ho velo iha." ²⁹Fa azy mpampianatsy iny, naniry hanamarina ty safany, le nivola tamy i Jesosy hozao: "Ia ro namako?" ³⁰Namaly azy Jesosy ka le nivola hozao: "Nisy lahilah6 raiky nijotso baka a-Jersalema any ho a-Jeriko any. Ie le azo mpandrava rey, ze nanendaky hanana iaby rey taminy eny, noho namango azy, sady nanenga azy fa ho maty. ³¹Sady sendra nisy mpisoro nandalo tamy lala zay, sady lafa nahita azy ie, le nandeha tamy sisiny eny. ³²Manahaky zay koa ty Levita raiky, lafa nandalo tamy toera iny ka le nahita azy, le nandeha tamy sisiny eny. ³³Fa nisy Samaritana raiky, lafa nandeha tamy ty nandehanany ie, le avy tamy ty nisy azy eo. Lafa nahita azy ie, le nipelatsy azy. ³⁴Le namonjy azy ie ka le namehy ty ratsiny, sady nandraraky menaky noho divay tamy zay. Nampiondraniny ty bibiny ie, ka le nandesiny tamy ty tsanom-bahininy any, sady nikarakarany. ³⁵Lafa maray iny le nangalaky denaria roe iel sady nanome zay tamy ty mpampiansano, sady nanao hozao: 'Karakarao ie, sady ndra hotsino ndra hotsino laninao mandilatsy, lafa mimpoly zaho, le honerako.' ³⁶Ia amy rozy telo, manahaky ty eritseritsinao, ro nama azy azo ty mpandrava iny?" ³⁷Namaly azy mpampianatsy iny hozao: "Azy raiky ze nanoro ferinay azy iny." Jesosy nivola taminy hozao: "Mandehana sady mananova manahaky zay koa." ³⁸Sady laha niaraky-nandeha rozy, le nilitsy tamy ty tanà raiky ao Ie, sady nisy ampela raiky kaihy hoe Marta nampandroso Azy tan-tsanony ao. ³⁹Nana rahavavy anovy hoe Maria ie, ze nipetsaky tan-tomboky ty Tompo eo sady nahare ty safany. ⁴⁰Fa Marta sahira bey tamy ty fikarakara ty hany ho hany. Nana qmy i Jesosy eo ie, le nanao hozao: "Tompō, tsy manampinoa Anao va ty nanenga ty rahavaviko ahy hanompo raiky? Ka le volano ie mba hanampy ahy." ⁴¹Fa

namaly ty Tompo ka le nanao taminy hozao: "Marta, Marta, manahy amy ty raha lako mare iha, ⁴²nefa raha raiky avao ro tena ila. Maria ro fa nitingy ze soa bibiky, ze tsy hala aminy."

Chapter 11

¹Le zao ro niseho lafa nivavaky tamy ty toera raiky ao Jesosy, nisy raiky tamy mpianany rey nivola taminy hozao: "Tompo, mba ampianaro mivavaky zahay manahaky ty nampianary i Jaona mpianatsiny rey."²Hoasa Jesosy tamin-drozy hozao: "Lafa mivavaky nareo le volano hozao: 'Njanahary e, ho hamasiny lahy ty anaranao. Ho avy lahy ty fanjakanao.'³Ameho anay ty haninay isan'andro.⁴Engao ty fahotenay, manahaky ty nanenganay ze meloky taminay. Ka manday anzy ho amy ty fanagalam-panahy any.⁵Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Ia aminareo ro hana nama, sady handeha ho aminy any amy ty misasakaly, sady hanao aminy hozao: 'Nama a, mba ampindramo mofo telo zaho,⁶ fa misy namako raiky baka lavitsy, sady tsy mana ndra ino ndra ino hamea azy zaho.'⁷Sady mety hamaly azy ty raiky tan-tsano ao ka le hanao hozao: 'Ka manelingely ahy.' Fa mihily ty varavara, sady ty anako, fa ampandrea eo, miaraky amiko. Tsy afaky mitsanga zaho hanome mofo anao.'⁸Mivola aminareo Zaho, fa ndra le tsy mitsanga noho manome mofo anareo aza ie safe namany nareo, le noho ty fijaleanareo tsy misy henatsy, le hitsanga ie sady hanome anareo ty mofo iaby ze ilanareo.⁹Mbo mivola aminareo koa zaho, Mangataha, le hamea nareo zay; mila, le hahita nareo; dondono, le ho vohà nareo.¹⁰Fa ty olo iaby ze mangataky ro mahazo, sady ze mila ro mahita; safy ze olo mandobdo, le ho vohà.¹¹Ia aminareo babam-pilongoa rey, ro lahamangataky fia ty ananareo, le hanome azy bibilava fa tsy fia?¹²Ndra laha mangataky atoly ie, le hameanareo maingoky va ie?¹³Laha zay, laha nareo raty fanahy aza mahay manome fanomeza soa ho ahy ty ananareo, le hohatsy ty ino ty habevata ty Fanahy Masy hamea ty babanao ze an-danitsy any ho ahy ty ze mangataky aminy rey?"¹⁴dy Jesosy nandroaky demonia moa. Lafa niboaky demonia, le nanjary nahay nivola lahilahy ze moa iny, sady le tseriky ty olo lako.¹⁵Fa ty olo iilany nivola fa: "Amy ty alala i Belzaboba, ze mpitariky ty demonia, ro androahany demonia."¹⁶Ty ilany nitsapa Azy sady nila fahaiza baka an-danitsy any taminy.¹⁷Nefa hay i Jesosy ze tan-tsain-drozy ao ka le nivola tamin-drozy Ie hozao: "fanjaka iaby ze mizarazara rey ro ho rava, sady ty tsano ze mizarazara le hirobaky."¹⁸Ka laha mialy an-tsano sady Satana, ino ro hahaela ty fanjakany? Fa hoy nareo hoe mandroaky demonia amy ty alala i Belzaboba zaho.¹⁹Fa laha mandroaky demonia amy ty alala i Belzaboba sady Zaho, amy ty alalan'ia koa ro androaha ty mpanaraky-lia anareo azy? Laha zay, le ndrozy ro hitsara anareo.²⁰Fa laha mandroaky ty demonia amy ty alala ty rantsan-tanan-Janahary Zaho, le avy aminareo ty fanjakan-Janahary.²¹Lafa ampy fitaova soa ty lahilahy mahery raiky mandiny ty tsanony, le voaaro ty hananany,²²nefa koa laha mahery noho ie ty lahilahy raiky ka le mandesy azy, le ala lahilahy mahery iny vatany amy azy lahilahy ty fiadana, sady ho akopany ty fanana azy lahikahy inv.²³Ze tsy miaraky amiko le manohitsy Ahy, sady ze tsy mivory miaraky amiko le misaraky.²⁴Lafa miala amy ty olo raiky ty fanahy raty, le nandeha ie mamakivaky toera tsy misy rano sady mila fijanona. Sady lafa tsy mahita, le hoy ie hozao: 'Handeha himpoly amy ty tsano niaviako any zaho.'²⁵Lafa tafampoly, ie le mahita tsano voalio noho voalamy zay.²⁶Bakeo le nandeha ie sady mangalaky fanahy hafa raty mandilatsy ty vatany miisa fitomiaraky aminy ie sady le militsy mba hipetsaky ao rozy iaby,ka le raty vatany noho velohany iny ty fihafara ty olo zay."²⁷Safy laha nivola raha rey Ie, le nisy ampela raiky nanondrotsy ty feony tanay olo lako ao sady nanao taminy hozao: "Sambatsy ty sarotso ze niteraky Anao noho ty nono ze ninonoanao."²⁸Fa hoy koa Ie hozao: "Sambatsy, vatany aza, ze mijanjy ty safan-Janahary rey noho mitandraky zay."²⁹Safy laha mbo mitombo ty olo lako, le nanomboky nivola Jesosy hozao: "Tariha toy ro tariha raty. Mila famantara ie, nefa tsy hisy famantara atoro azy hafa-tsy ty famantara i Jona.³⁰Fa manahaky ty nahavy an'i Jona ho famantara tamy Ninivita rey, manahaky zay koa ro ho famantara ty Anak'Olo amy tariha toy.³¹Ty Mpanjaka ampela ty Antimo ro hitsanga amy ty fitsara miaraky amy lahilahy amy tariha toy ka le hanasazy androzy, fa niavy baka amy ty fara ty tany any ie mba hijanjy ty fahendrea i Solomona, sady ingo, eto ty olo bevata noho Solomona.³²Ty lahilahy i Ninive ro hiaraky hitsanga amy tariha amy ty fitsara toy sady hanasazy azy, safe nibebaky tamy ty nanambara i Jona rozy, sady ingo, misy olo bevata noho jona eto.³³Tsy misy olo raiky, laha baka nandrehitsy jiro, le mametsaky zay amy ty toera toka ndra ambany sobiky eo, fa anovy amy ty fipetsahan-jiro eo, mba ho hita ze militsy ty hazava.³⁴Ty masonao ro jiro ty vata. Lafa soa ty masonao, le atsiky hazava ty vata iaby. Fa laha raty koa ty masonao, le atsiky haiky ty vatanao.³⁵Laha zay, miembena nareo mba tsy ho maike ty hazava aminareo ao.³⁶Sady, laha atsiky hazava sady ty vatanao iaby, kanle tsy misy ampahany zay anay haiky ao, le hanahaky ty jiro ze mampiriaky ty hazavany aminao eo ty vatanao iaby.³⁷Lafa vita ty safany, le nisy Fariseo nanasa azyhiaraky-hihana aminy an-tsanony any, le nilitsy Jesosy ka le nipetsaky.³⁸Tseriky fariseo iny fa tsy nisasa aloha Jesosy aloha ty hihina.³⁹Fa hoy ty Tompo tamy ty hozao: "Amy zao, Nareo Fariseo,ke manalio ty ambaliky ty kopy noho ty lovia, nefa ty anainareo ao le atsiky rombaky noho faharatia."⁴⁰Nareo kely say! Tsy nanao ze anainy ao avao koa va ze nanao ty ambaliky?⁴¹Ameho ty mijaly ze anainy ao, le halio ho ahy nareo iaby ty raha iaby.⁴²Fa loza ho ahy nareo Fariseo, safe mandoa ty ampahafolo ty soliky noho ty rota sady hazo hafa am-baibo eny nareo, nefa tsy nirarahinareo ty fahamarina noho ty fitiavan-Janahary. Ilà ty manao ty marina noho

mitea an-Janahary, ro sady tsy manalino ty manao raha hafa avao koa rey.⁴³ Poza ho ahy nareo Fariseo, fa teanareo ty toera velohany amy ty synagoga eny noho ty fiadahaba atsiky fanaja anareo am-baiho eny. ⁴⁴Loza ho zhy nareo, fa nareo ro manahaky ty lolo tsy misy fahaiza ze hitsahy ty olo fa tsy hainy zay.⁴⁵ Ty raiky tamy mpampianatsy lalà nivola taminy hozao rey: "Mpampianatsy e, raha volaniny zay ro mandratiraty anay koa."⁴⁶ Jesosy nivola hozao: "Loza ho ahy nareo, mpampiana-dalà! Fa mampanday enta-mavesatsy tsy leo ty olo nareo, nefa tsy mikasiky enta-mavesatsy zay aza ndra le ty rantsan-tananareo raiky aza."⁴⁷ Loza ho ahy nareo, safe manory lolo ho ahy ty olo to-resaky nareo, nefa ty razambenareo ro namono androzy. ⁴⁸Ka le vavolombdlo sady manenky ty asa ty razanareo nareo, fa namono androzy vatany rozy sady nareo ro mamboatsy ty lolony.⁴⁹ ha zay avao koa, ro nanambara ty fahendrean-Janahary hozao: 'Handeha olo to-resaky rey noho apostoly amin-drozy Zaho, sady ndrozy hamono noho hanenjiky ty ilany amin-drozy."⁵⁰ Tariha toy, zay, ro ho tompon'antoky amy ty lio olo to-resaky iaby rey nilatsaky zisiky amy ty naharea ty tany iaby toy, ⁵¹nanomboky tamy ty lio i Abela eo ka le zisiky amy ty lio i Zakaria, ze nivonoe tanovo ty alitara eo noho ty fipetsaha masy. Eka, volaniko aminareo marina, fa tariha toy ro ho tompon'antoky.⁵² Loza ho ahy nareo mpampianatsy tg lalà ty Jiosy, safe nalanareo ty lakilè ty fahaiza; tsymilitsy ao ty vatanareo, sady sakananareo ze militsy rey."⁵³ Tafara ty niala i Jesosy teo, le nanohitsy Azy ty mpanora-dalà noho ty Fariseo sady nialy hevitsy taminy mikasiky ty raha lako, ⁵⁴sady niezaky ty hamandriky Azy tamy ty safany avao.

Chapter 12

¹Tamy zay, lafa niaraky-nivory ty olo lako an'arivony lako, lako mare hondy nifanitsa-kitso rozy, velohany bibiky le nanomboky nivola taky mpianatsiny rey le hozao: "Embeno ty masirasira Fariseo, ze fiatsarambelatsihy rey.²Fa tsy misy raiky ze tsy hatoro, sady tsy misy tsy hita ze tsy ho hay.³Ka le ndra ino ndra ino nivolaninareo tamy ty haiky ao ro ho re amy ty fahazava ao, sady ze nivolaninareo tan-tsofy eo tanay efitsano ao ro hambara anabo-tsano eny.⁴Mivola aminareo Zaho namako e, ka matahotsy ze mamono ty vata rey, sady afara zay le tsy misy ndra ino ndra ino azony atao sasy.⁵Fa hampiembenana anareo Zaho ty amy ze hatahora. Matahora azy raiky zay iny, ze lafa baka mamono, ro mana ty fahefa ty hanary anareo amy ty helo any. Eka, mivola aminareo zaho, matahora Azy.⁶Tsy avily jala roe va ty tsintsy limy? Nefa tey misy raiky amy reny ze halino amason-Janahary eo.⁷Fa ndra ty volon-dohanareo aza le voahisaky iaby. Ka matahotsy. Fa manan-danja mandilatsy noho ty tsintsy lako nareo.⁸Hoy Zaho aminareo, ze iaby manenky Ahy anila ty olo eo, ty Anak'Olo avao koa ro hanenky azy anila anjelin-Janahary eo, ⁹fa ze mandá Ahy anila ty olo eo ro tsy henké anila anjelin-Janahary eo.¹⁰Ze iaby mivola manohitsy ty Anak'Olo, ro henga aminy zay, fa ze iaby mivola raty manohitsy ty Fanahy Masy koa, ro tsy hoenga zay.¹¹Lafa manday anarei anila synagoga eo, mpanapaky rey, noho manam-pahefa rey rozy, le ka manahy ty amy ze ho fomba fivolaninareo ho fiarovam-batanareo, ndra ze ho volaninareo, ¹²safe ty Fanahy Masy ro hampianatsy anareo ze tokony ho volaninareo amy lera zay.¹³Bakeo nisy olo raiky baka amy olo lako nivola taminy hozao rey ao: Mpampianatsy e, volano ty rahalahiko mba hizara ty lova amiko."¹⁴Jesosy nivola taminy hozao: "Rahalahy, ia ro nanao Ahy ho mpitsara ndra mpanelanela anareo?"¹⁵Hoy le tamin-drozy hozao: "Miembena mba hitandrahanareo ty vatanareo lavitsy fanirian-draty iaby rey, safe ty fiainan'olo raiky ro tsy miankr amy ty fitobaky ty fananany."¹⁶Bakeo Jesosy nanao fanohara raiky tamin-drozy, nanao hozao: "Namokatsy bey ty baibo ty lahilahy mpanan-kanana raiky, ¹⁷sady nanontany vata ie, nivola hozao: 'Ino ro ho anoviko, fa tsy mana toera hanajaria vokatsy rey zaho?'¹⁸Hoy ie hozao: 'zao ro hanoviko. Halavoko tsano fipetsaham-bokatsiko rey le hampitsanga bevata vatany zaho, sady amy rey ao ro hamoriako ty vokatsiko noho vokatsy hafa rey.¹⁹Le hivola amy ty fanahiko zaho hozao: 'Fanahy, iha ro mana vokatsy bevata voahajary ho amy ty tao lako. Mijanona soa, mihinana, mino, mifalea."²⁰Fa Njanahary nivola taminy hozao: 'Rahalahy adala, androany haly ty fanahinao ro hala aminao, ka le raha ze nomaninao rey, ho an'ia rey?'²¹Zay ty olo ze mamory hanana ho ahy ty vatany sady tsy manan-kanana amin-Janahary."²²Jesosy nivola tamy mpianatsiny rey hozao: "Laha zay le volaniko aminareo, ka manahira amy ty ainareo- ze ho haninareo, ndra ty mikasiky ty vatanareo- ze ho isaforanareo.²³Fa ty ay ro mandilatsy noho ty hany, sady ty vata ro mandilatsy noho fisalora rey.²⁴Diniho ty goaky, tsy mandraraky ndra mamboly reny. Tsy mana fipetsaham-bokatsy reny ndra tsano fanajaria, nefa amean-Janahary hany reny. Manahaky ty ino ty fihoaranareo lanja mandilatsy noho voro rey!²⁵Ia aminareo ro afaky manampy hakiho raiky ty andro iainany amy ty fanahia?²⁶Ka laha raha kelikely bibiky zay ka tsy ainareo anovy, nanino nareo ro misalasala ty amy ty sisa?²⁷niho lilia rey_ manao akory ty faniriany. Tsy miasa rozy reny, ndra mamoly. Nefa volaniko aminareo, ndra Solomona tamy ty voninahiny iaby ka tsy nisalotsy manahaky ty raiky tamy reny.²⁸Laha ampisalorin-Janahary manahaky zay akata ambaibo rey eny, ze androany eo, sady ty hamaray le aria anay fatapera, manahaky ty ino ty hamonia anareo mandilatsy lavitsy noho zay, nareo kelikely finoa e!²⁹Ka mila ze ho haninareo noho ze ho inominareo, sady ka misalasala.³⁰Fa firenea iaby rey amy ty tany iaby zao eto ro mila raha reny, sady hay ty Babanareo fa mila rey nareo.³¹Fa anovo ty fanjakanao, le bamea ho fanampiny ho ahy nareo raha rey.³²Ka matahotsy, aondry tsy ampy, safe ty Babanareo ro tena faly ty hanome anareo ty fanjaka.³³Avilip fananareo rey sady ameoty mijaly. Mananova fipetsahan-jala ho ahy ty vatanareo ze tsy mety ho tonta hanana an-danitsy any ze tsy mety any, ze tsy misy mpangalatsy manariny, sady tsy misy kajajaky manimba.³⁴Fa amy ze hipetsaha ty hanananareo any, ro ho any avao koa ty fonareo.³⁵Engao ty salotsy lavanareo ho hosikininareo ty valahanareo, sady engao ty jironareo hirehitsy zisiky any, ³⁶sady mananova manahaky olo ze mandiny tompony rey himpoly baka amy ty fetim-pangalam-baly, mba lafa afaky hamoha ty varavara ho azy direkita rozy.³⁷Sambatsy mpiasa rey, ze hita ty tompony fa niemby lafa niavy ie. Volaniko aminareo marina, fa hisalora ty siky lavany amy ty valahany ie, sady hampipetsaky androzy an-databatsy eo, ka le ho avy ie sady hanompo androzy.a³⁸Laha ho avy amy ty lera faharoe amy ty haliky ty tompo, ndra amy ty lera fahatelo aza, ka le mahita androzy voro rey, le ho sambatsy mpiasa rey.³⁹Hofanampy ay le haizo zao, fa aha hay ty tompon-tsano ty lera hiavia ty mpangalatsy, le tsy nanenga ty tsanony ho vaký ie.⁴⁰Mivonona avao koa, fa tsy hainareo ty lera hiavia ty Anak'Olo."⁴¹Petera nivola hozao: "Tompó e, aminay avako va ro ivolananao fanohara zay, sa amy ty olo-iaby avao koa?"⁴²Ty Tompo nivola hozao: "Ia sady ro mpitandraky mahatoky noho hendry ze ho tondroe ty tompony ho anabo mpiasany hafa rey mba hanome androzy ty anjara hanin-drozy amy ty fotoa mety?"⁴³Sambatsy mpiasa zay, ze hita ty tompony manao zay lafa avy ie.⁴⁴Volaniko aminareo marina fa ho tondroeny hanapaky ty fananany

iaby ie.⁴⁵ Fa laha mivola am-pony ao mpiasa zay hozao: 'Nahemotsy ty tompoko ty fimpoliany,' ka le manomboky mamono mpiasa lahilahy noho ampela rey, sady mihina noho mino, ka le nanjary mamono, ty⁴⁶ tompo mpiasa zay ro ho avy amy ty andro tsy ampoiziny, sady ty amy ty lera tsy hainy, sady hanatapatapaky azy ka le hanima toera ho azy miaraky amy tsy mahatoky rey.⁴⁷ Mpiasa zay, nahay ty sitsapo ty tompony, nefa tsy nioma ndra nanao manahaky ty sitsapony, le ho vangoe amy ty famangoa lako. ⁴⁸Fa ze tsy nahay ssdy nanao ze maeva hahazoa vangoa koa, ro ho vangoe amy ty famangoa kelikely. Fa iaby ze namea bey rey, ro ho bey vatany ro ho take aminy, sady ze mananky bey rey, ro ho bey lavitsy aza ro nangatahy aminy.⁴⁹ Niavy Zaho hanoraky afo anabo ty tany eny, sady manahaky ty ino ty faniriako mba hireheta zay sahady. ⁵⁰Fa mana fananovam-batista mba hananova batista zaho, sady manahaky ty ino ty fijaleako zisiky-mahatanteraky zay!⁵¹ hevitsy va nareo fa niavy Zaho mba handay fiadana an-tany eto? Tsy, mivola aminareo zaho, fa fisaraha aza. ⁵²Manomboky zao le hisy limy amy ty tsano raiky ze hisaratsaraky_olo telo manohitsy ty roe ao, sady olo roe manohitsy ty telo. ⁵³Hisaratsaraky androzy, ty baba hanohitsy ty anakilahy, sady ty anakilahy hanohitsy ty baba; ty reny hanohitsy ty anak'ampela sady ty anak'ampela hanohitsy ty reny; ty rafoza-ampela hanohitsy ty vinanto ampela, sady ty vinanto ampela hanohitsy ty rafoza-ampela.⁵⁴ Nivola tany olo lako rey koa Jesosy hozao: "Lafa mahita raho miforo andrefa eny nareo, le hoy direkita nareo hozao: 'Hisy ranon'ora ho avy,' sady le mitsanfpaga zay. ⁵⁵Lafa misy tsioky mitsiky baka antimo any, le hoy nareo hozao: 'Hisy hafana bey ho avy,' sady mitsanga zay. ⁵⁶Mpihatsadavelatsihy, hainareo ty mandika ty toetsy ty tany noho ty lanitsy, fa ino ro tsy ahaizanareo mahay andro amy zao?⁵⁷ Nanino nareo ro tsy mitsara ze marina ho ahy ty vatanareo? ⁵⁸Fa lafa mandeha miaraky amy ty mpifanina aminareo anila ty mpotsara anabo eo nareo, an-dalà eny ro miezaha handamy ty olo miaraky aminy mba tsy handehanany hanataky anareo amy ty mpitsara eo, sady mba tsy hanomeza ty mpitsara anareo amy ty mpamehy any, sady mba tsy handefasa ty mpamehy anareo an-gadra any. ⁵⁹Hoy zaho aminareo, tsy ho tafavoaky ao mihintsy nareo zisiky-handoavanareo ty jala farany ze maliniky bibike."

Chapter 13

¹atamy andro zay, nisy olo ilany nivola taminy eo ty mikasiky Galiliana rey ze ty lion-drozy ro nafangaro i Pilato tamy ty sorony manoka. ²Namaly Jesosy sady nivola tamin-drozy hozao: " Nareo va mieritseritsy fa Galiliana rey ro mpanota mandilatsy noho Galiliana hafa iaby rey safe nijaly manahaky zay? ³Aha, Zaho mivola anareo. Fa laha tsy mibebaky nareo, nareo iaby ro ho maty manahaky zay.⁴Ndra olo folo valo amby ta Siloma ao reny aza ze nilavao ty tilikambo ka le nahafaty androzy, mieritseritsy va nareo fa tena mpanonta raty mandilatsy noho lahilahy hafa ta Jerosalema ao reny? ⁵Aha, hoy Zaho. Fa nareo laha tsy mibebaku, nareo iaby avao koa ro ho maty."⁶Jesosy nanao fanohara zao hozao: "Nisy olo nana hazon'aviavy raiky nambole tamy ty tanim-bolobokyny eo sady niavy ie sady nanenty voankazo taminy eo nefa tsy nahita ndra ino ndra ino. ⁷Lahilahy iny ro nivola tamy ty mpanao zariday hozao: 'Ingo, niavy teto zaho anay ty telo tao safy niezaky nila voa tamy hazo aviavy toy nefa tsy nahita mihintsy. Tapaho io. Nanino io ro enga manimba ty tany?'⁸Namaly azy mpanao zariday iny ka le nivola hozao: 'Engao ho eo io aloha amy fao toy zisiky-pihaliko miodidy azy noho hanasiako zeziky aminy eo. ⁹Laha mamoa ie amy ty tao manaraky, soa; fa lahf tsy zay, le tapaho ie!"¹⁰Sady Jesosy nampianatsy tamy ty daiky tamy ty Synagoga rey tanay ty Sabata. ¹¹Ingo, nisy ampela raiky ze nana ty fanahy raty ty fahakemea anay ty folovalalo amby tao teo, sady ie ro niboaky sady tsy nahavita nitsanga soa. ¹²Fa nahita azy Jesosy, le nikaiky azy ka le nivola hozao: "ampela, afaky amy ty fahelemeanao iha." ¹³Napetsany taminy eo ty tanany, sady niaraky tamy zay ro nitsaky ampela iny sady nihira an-Janahary. ¹⁴Fe ty mpanapaky ty Synagoga ro neloky noho ty fanafaha nanovy i Jesosy tamy ty Sabata. Laha zay le namaly mpanapaky iny sady nivola tamy ty olo lako hozao: "Miay enin'andro zay tokony iasa. Miavia ka le afaky, fa koa tsy amy ty andro Sabata."¹⁵Ty Tompo namaly azy ka le nivola hozao: "Mpihatsaravelatsihy! Moa va tsy samby mamaha ty boriky ndra ty aombiiny amy ty valany ao nareo ka le mandaisa rano hinomy amy ty Sabata? ¹⁶Sady manahaky zay koa anak'ampela i Abrahama, ze voafehy i Satana anay ty folo valo amby tao toy, tsy tokony mba ho holongo va ty fehiny amy ty andro Sabata?"¹⁷Sady lafa nivola raha iaby zay Ie, le menatsy oaby ze nanohitsy Azy rey, fa ty olo lako raiky iaby ro faly noho raha iaby malaza nanoviny rey. ¹⁸Sady Jesosy nivola hozao: "Manahaky ty ino ty fanjakan-Janahary, sady manahaky ty ino ro afaky anoharako zay?" ¹⁹Zay ro manahaky ty voatsinapy ze nala noho nararaky ty lahilahy raiky tan-jariday eo, ka ke nanjary hazo bevata raiky, sady ty voro ty lanitsy le nanamboatsy ty tsanony tamy rantsany eo."²⁰Mbo nivola avao Ie hozao: "Ino ro afaky hampatahotsy ty fanjakan-Janahary? ²¹Zay ro manahaky ty masirasira zenala ty ampela raiky ka le nafangarony tamy ty koba in-telo ty famarana zisiky-piparitahany anay ty koba iaby ao."²²Jesosy ro nandeha nitety ty tanà noho ty vohitsy kirai-draiky tan-dalà eny mana Jerosalema any sady nampianatsy androzy. ²³Nisy raiky nivola taminy hkzao: "Tompo, moa va tsy ampy ty olo ro ho vonje?" Sady hoy ie tamin-drozy hozao: ²⁴"Mialia ty hilitry ty varavara maifotsy nareo, safe, Zaho mivola aminareo, lako ro te-hitsofoky, fa tsy ho afaky ty hilitry."²⁵Lafa nitsanga indraiky avao tompon-tsano iny sady manily ty varavara, le hitsanga ambaliky ao nareo ka le handondo ty varavara eo sady hivola hozao: 'Tompo, ampiliro zahay.' Ie hamaly ka le hivola aminareo hozao: 'Tsy haiko nareo ndra ty fiavianareo.' ²⁶Sady hivola nareo hozao: ' Nihina noho nino talohanao eo zahay, sady Iha fa nampianatsy safa an-dalabey eny.' ²⁷Fa Ie ro hamaly hozao: ' Mivola aminareo zaho, tsy haiko ze fiavianareo. Mialà amiko eto, nareo mpanao raty!"²⁸Hisy fitania noho fikotsoha-hý lafa andro nareo mahita an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, noho ty olo to-resaky iaby amy ty fanjakan-Janahary ao, fe voaroaky ambaliky any nareo. ²⁹Rozy ro ho avy baka antinana any, andrefa, avaratsy, sady antimo ka le hipetsaky amy ty latabatsy ty fanjakan-Janahary eo. ³⁰Haizo zao, ze tsy le manan-danja rey ro ho velohany, sady ze tena manan-danja rey ro ho farany."³¹Tafara kelikely zay, nisy Fariseo ilany niavy safy nivola taminy hozao: "Mandehana ambarao ty eto safe Heroda ro te-hamono Anao." ³²Jesosy nivola hozao: "Mandeha sady ambarao alika taloha zay hozao: 'Ingo, zaho mandroaky demonia noho manao fanafaha henanikio noho hamaray, sady amy ty andro fahatelo le ho tsatsiko ty tanjoko.' ³³Ndra ino ndra ino mitsanga, raha-bevata amiko ty manohy ahenanikio, hamaray, noho ty andro manaraky, safe tsy aso enke ty famonoa ty olo to-resaky lavitsy ahy Jerosalema."³⁴Jerosalema a, Jerosalema a, ze mamono ty olo to-resaky noho mitoraky-vato ze nirahy taminao rey. Impiry zaho ro naniry ty hamory ty anakinareo manahaky ty akoho vavy mamory ty anany ambany elatsiny, nefa tsy naniry zay nareo. ³⁵Ingo, nenga ty tsanonareo. zaho ro mivola aminareo, tsy ho hitanareo Zaho zisiky-hivolananareo hozao: "Sambatsy ze baka amy ty anara ty Tompo."

Chapter 14

¹Sady indraiky Sabata, lafa nana amy ty tsano ty raiky tamy mpitariky ty fariseo rey teo hihina mofo Ie le nanaramaso Azy avao ndrozy. ²Ingo, tanilany eo nisy laholahy raiky ze nampijalea ty edema. ³Jesosy nanontany manampahaiza rey amy ty alalà ty Jiosy noho Fariseo rey hozao: "Azo anovy va ty manafaky amy ty andro Sabata, sa tsy Azo?" ⁴Fa rozy ro tsy nivola. Laha zay le nirambesy i Jesosy ie, sady nafahany, le nalefany handeha. ⁵Hoy ie tamin-drozy hozao: Ia aminareo ze manan-anakilahy ndra aomby tafalatsaky anay fantsaka amy ty andro Sabata ro tsy hisinto azy direkita?" ⁶Rozy ro tsy misy nahavita nanome valiny an'i raha rey. ⁷Lafa hay i Jesosy ty fomba fitingina ze nala ty toeram-boninahitsy re, nanao fanohara ie nivola tamin-drozy hozao: ⁸"Lafa ala amy ty fetim-panambalia nareo, ka mipetsaky amy ty toeram-boninahitsy eo, safe mety nisy olo nala mbo manam-boninahitsy noho nareo. ⁹Lafa niavy olo ze nangalaky anareo iny, le hivola anareo ie hozao: 'Ameo olo-hafa toy ty toeram' sady am-pahanenara ro andehananareo hamonjy ty toera ambany bibiky. ¹⁰Fa lafa anambara nareo, mandehana le mipetsaha amy ty toera ambany bibike, amy zay lafa mandalo azy nanqmbara anao iny, le mety hivola anao ie hozao: 'Nama a, miakara anabonabo.' Sady bakeo le hameam-boninahitsy nareo anila ze iaby miharo latabatsy aminareo rey eo. ¹¹Fa ze manondrom-bata ro hajotso, sady ie ze mampijotso-bata ro hasondrotsy." ¹²Jesosy avao koa ro nivola tamy azy lahilahy nanambara Azy iny hozao: "Lafa manome hany ndra fanambara anao, le ka manambara namanao rey ndra rahalahinao rey ndra matiny anao rey ndra mpanan-kanana miodidy anao rey, amy ty mety hanambarany anao koa ho takalo zay, sady le ho voavaly iha. ¹³Fa lafa manao fanasa iha, asao ty mijaly, ty kombo, ty mandrava, sady ty jiky, ¹⁴le ho sambatsy iha, safe tsy afajy hamaly anao rozy. Fa iha ro ho voavaly amy ty fitsangana ty marina." ¹⁵Lafa nahare raha rey ty raiky tamy niharo latabatsy tamy i Jesosy rey, le nivola taminy ie hozao: "Sambatsy ze hihina ty mofo amy ty fanjakan-Janahary ao!" ¹⁶Fa Jesosy nivola taminy hozao: "Nisy lahilahy raiky nikarakara hany bevata sady nanambara olo lako. ¹⁷Lafa voakarakara ty hany, le naniraky ty mpiasany ie hivola ze nanambara rey hozao: 'Mandrosoa, fa ty raha-iaby le fa vonona.' ¹⁸Rozy iaby le nitovy say sady nanomboky nanao fialan-tsiny. Azy velohany nivola taminy hozao iny: 'Nivily baibo zaho, ka le tokony hiboaky zaho sady hanenty zay. Miala tsiny zaho.' ¹⁹Raiky hafa nivola hozao: 'Nivily aomby tolo zaho, sady hqndeha hahay androzy. Miala tsiny zaho.' ²⁰Bakeo nisy lahilahy raiky hafa nivola hozao: "Vo baka nangala-baly zaho, sady laha zay le tsy afaky ty ho avy zaho." ²¹Le niavy azy mpiasa iny sady nivola tamy ty tompony raha rey. Bakeo azy tompon-tsano iny neloky ka le nivola tamy azy mpiasany iny hozao: "Mandehana malaky amy lalabey noho sampanan-dala an-tanà eto eny le andeso atoy ty mijaly, ty mandrava, ty jiky, sady ty kolatsiky." ²²Nivola azy mpiasa iny hozao: "Tompo, fa vita ze nibekoanao, fa mbo misy toera avao." ²³Hoy tompony toy tamy mpiasany iny hozao: "Mandehana amy lalabey noho sisim-boly eny sady tereo rozy ho avy, amy ze ho atsiky ty tsanoko. ²⁴Fa ambarako aminareo, tsy hisy hanandra ty haniko lahilahy ze nasa rey." ²⁵Sady olo lako mare ro nandeha niarakany taminy, sady nitoliky Ie sady nivola androzy hozao: ²⁶"Raha misy aminareo mamonjy Ahy sady tsy malay ty babany, ty reniny, ty valiny, ty anany, rahalahiny rey noho rahavaviny, sady ndra ty fiainany aza, le tsy afaky ty ho mpianatsiko ie. ²⁷Ndra ia ndra ia tsy milanja ty hazofijaleany sady manarakany Ahy le tsy afaky ty ho mpianatsiko." ²⁸Fa ia aminareo, ze maniry ty hampitsanga tilikambo, ro tsy mipetsaky aloha sady mikalikily ty fandania laha mana ze ilà hamità azy ie? ²⁹Laha tsy zay, lafa nametsaky ty fototsy ie nefa tsy hahavita zay aza, le hanomboky handatsa androzy iaby ze mahita zay, ³⁰manao hozao: 'Lahilahy io ro nanomboky nampitsanga nefa tsy nahavita aza.' ³¹Ndra koa mpanjaka inol laha handeha hifanehitsy amy ty mpanjaka hafa amy ty aly, ro tsy hipetsaky aloha sady hangalaky hevitsy laha miarakany amy ty lahilahy ray aly le afaky hialy amy ty mpanjaka hafa ze avy manohitsy azy miarakany amy ty lahilahy roa aly? ³²Laha tsy zay, laha mbo lavitsy ty tafiky hafa, le mandefa antoko ie sady mangataky fepetsy ho amy ty filongoa. ³³Ka laha zay, ndra ia ndra ia aminareo tsy mahafae ze iaby hananany le tsy afaky ty ho mpianatsiko ie. ³⁴Soa ty sira, fa laha teobo ty tsiro sira iny, ino ro himpoliany hasira ndraiky? ³⁵Tsy misy ila ty tany azy ndra le ty zezin-tany aza. Aria avao zay. Ze manan-tsofy handesy-mijanjy, engao ie hijanjy."

Chapter 15

¹Sady mpamory haba iaby noho ty mpanota ilany rey ro niavy tamy i Jesosy eo mba hijan'ny Azy.

²Nifampimenimeny Fariseo noho mpanora-dalà rey, nivola hozo: "Lahilahy io ro mandramby mpanota, sady miaraky-mihina amin-drozy mihintsy aza."³Jesosy nanao fanohara zao tamin-drozy, nivola hozo: ⁴"Fa aminareo, laha mana aondry zato ie sady bakeo tsobo ty raiky amin-drozy reny, ro tsy hiala ty folo sivy amby an-tany efitsy any, sady handeha hila azy raiky tsobo iny zisiky-pahitany azy?"⁵Sady lafa hitany zay, le apetsany an-tsorony eo sady mifaly ie.⁶Lafa niavy an-tsano ao ie, le kaihe iaby namany noho mpiara-mipetsaky aminy rey, mivola androzy hozo: 'Mifalea miaraky amiko, fa hitako aondriko tsobo iny.'⁷Manahaky zay koa, mivola aminareo Zaho, fa hisy fifalea an-danitsy any noho ty mpanota raiky ze mifona, mandilatsy noho ty olo-marina folo sivy amby ze tsy mila mifona rey.⁸Ndra iq ro ampela ze mana farantsa kelikely folo, laha tsobo ty farantsa raiky, robtsy handefitsy ty jiro, hamafa ty tsano, sady hila am-pazotoa zisiky-hahitany zay?⁹Lafa hitany zay, le kaihin'ny iaby namany rey noho mpiara-mipetsaky aminy rey, ka le hivola hozo: 'Mifalea miarwky amiko, fa hitako azy farantsa kelikely raiky ze tsobo iny.'¹⁰Manahaky zay koa, Zaho mivola aminareo, misy fifalea anila ty Anjelin-Janahary eo amy ty mpanota raiky ze mibebaky."¹¹Bakeo Jesosy nivola hozo: "Nisy lahilahy raiky nana-anaky roe lahy,¹²sady ty varalahy tamin-drozy nivola tamy babany hozo: 'Njanahary e, ameo ahy ty anjara hanana ze tokony ho ahy.' Ka le nizarany tamin-drozy ty hananany."¹³Tsy ela tafara ze, azy faralahy namory ty anjarany iaby iny ka le nandeha tamy ty firenea raiky lavitsy teo, sady tany ie ro nandany fahantany hananany iaby rey tamy ty fiaina maheriloha.¹⁴Sady lafa laniny iaby ty iaby, le nisy mosary bevata niparitaky tamy firenea io, ka le nanomboky tanay ty tsy fahampea ao ie.¹⁵Nandeha ie sady nikarama tamy raikytamy ty olo tamy firenea io ao, ze nandefa azy tamy ty baibony any mba hamaha koso.¹⁶Te hihina mare hany fihany koso rey ie, safe tsy nisy olo nanome azy ndra ino ndra ino.¹⁷Fa lafa nieritseritsy azy faralahy iny, le nivola ie hozo: 'Firy amy manompo ty babako rey ro mana hany mandilatsy ty sahaza, sady toy zaho, maty ty mosary!' ¹⁸Hialako eto ka le ho amy babako any zaho, sady zaho hivola aminy hozo: 'Njanahary e, fa nanota tamy ty lanitsy zaho, noho tamasonao eo.'¹⁹Tsy maeva ty kaihe hoe ananao sasy zaho; anovo manahaky ty raiky amy mpiasanao rey zaho."²⁰Laha zay nandeha a faralahy iny ka le nana amy babany any. Laha mbo lavitsy ie, le hita azy babany iny, sady nihevy, ka le nilay, sady nipiritsy noho nanoroky azy.²¹Azy anakilahiny iny nivola hozo: 'Njanahary e, fa nanota tamy ty lanitsy noho tamasonao eo zaho. Tsy maeva ty ho kaihe hoe ananao zaho.'²²Azy raiky nivola tamy ty mpiasany hozo iny: 'Abdeso malaky salotsy soa bibike rey, kable ampisaloro azy, sady asio peratsy ty tanany, noho kapa ty tombony.'²³Bakeo andeso azy anak'aomby vondraky iny kable vono zay. Andao tsika handrengy amy ty fety! ²⁴Safe ty anakilahiko le maty, sady amy zao velo ndraiky. Tsobo Iel sady amy zao le hita ndraiky.' Bakeo le nanomboky nifety ndrozy.²⁵Sady azy anakilahiny velohany iny ro tam-baibo any. Lafa tamy sady namonjy tsano iny ie, le nahare moziky noho sindraky.²⁶Nikaiky ty raiky tamy mpiasa rey ie sady nanontany azy hoe mety ho ino raha zay.²⁷Azy mpiasa iny nivola taminy hoao: 'Noly an-tsano ato ty rahalahinao ka le nivono ty babanareo anak'aomby matavy iny, safe noavy soa bibike ie.'²⁸Neloky azy anakilahy velohany iny, sady tsy nety nilitsy, le niboaky babany, sady nangataky azy.²⁹Fe namaly azy anakilahy velohany iny sady nivola tamy ty babany hozo: 'Henteo, fa an-taony lako ro nanompoko anao, sady mbo tsy nandika ty lalànao zaho, sady iha tsy mbo nanome ndra anak'aosy nafahako nifaly niaraky tamy namako ret aza,³⁰nefa lafa avy ty anakilahinao, ze nanataky ty hanananao tamy ty mpamarotsy-vata, le nivononao ho azy ana'aomby nafahany iny.'³¹Hoy azy raiky iny taminy hozo: 'Anaky, iha ro miaraky amiko avao, sady ze iaby ahy ke iha.'³²Nefa babany ho antsika ty mifety noho mifaly, safe rahalahinao toy ro maty, sady amy zao le velo ndraiky; tsobo ie, sady amy zao le hita ndraiky.'"

Chapter 16

¹Le hoy koa Jesosy tamy mpianatsiny rey hozo: "Nisy lahilahy mpanan-kanana raiky nana mpitandraky, sady nitatery taminy any fa mpitandraky io ro nandany ty hananany iaby. ²Ka le nampikaiky azy lahilahy mpanan-kanana iny sady nivola taminy hozo: "Ino reko mikasiky anao zao? Mqnomeza tatitsy mikasiky ty asa fitandrahanao, fa iha tsy ho afaky ty ho mpotandraky-fanana sasy."³Sady azy mpitandrim-panana iny nivola fantainy any hozo: "Ino lahy ro tokony hanoviko, fa mangalaky zhy amy ty asa tandrahako ty tompoko? Tsy manan-kery hiasà tany zaho, sady menatsy ty hangataky zaho. ⁴Haiko ty hanoviko, mba lafa alà amy ty asa fitandrahako zaho, le hampandroso ahy an-tsanon-drozy ao ty olo."⁵Bakeo azy mpitandraky-rahara nikaiky ty kirai-draiky tamy mpitsosa ty tompony iny, sady le nanontany azy volohany iny ie hozo: 'Hotsino ro anana ty tompoko aminao any?' ⁶Nivola ie hozo: 'Menaky oliva zato litatsy.' Nivola taminy ie hozo: 'Rambeso ty taratasinao, mipetsaha malaky, sady dimampolo soraty.' ⁷Sady bakeo azy mpitandraky iny nivola tamy ty raiky hozo: 'Hotsino ty tsosanao?' Nivola ie hozo: 'vary zato famarana.' Nivola taminy ie hozo: 'Rambeso ty taratasinao, sady sorato hoe valopolo.'⁸Bakeo azy tompo iny le nanompo azy mpitandraky tsy marina iny safe niasa tamy failo ie. Fa mailo vatany ty ana ty tany iaby toy ty amy ty fifanaraha amy ue samby olo noho ty ana ty fahazava. ⁹Mivola aminareo Zaho, mila nama amy ty alala ty jala tsy marina, amy zay lafa lany zay, ke mety ho rambesin-drozy amy ty fipetsaha zisiky farany ao nareo.¹⁰Ze mahatoky amy ty kelikely bibiky le mahatoky amy ty bey koa, sady ze tsy marina amy ty kelikely bibike le tsy marina amy ty bey koa. ¹¹Laha tsy mahatoky amy ty fampiasa jala tsy marina nareo, ia ro hatoky anareo amy ty hanana marina. ¹²Laha tsy matoky amy ty fampiasa ty jala ty olo hafa nareo, ia ro hanome jala ho ahy nareo manoka?¹³Tsy misy mpiasa afaky manompo tompo roe, fa ndra ie halay ty raiky le ho tea ty raiky, ndra koa ie hanome-vata ho ahy ty raiky le hanao tsinotsino azy hafa iny. Tsy afaky manompo an-Janahary noho ty hanana nareo."¹⁴Sady ty Fariseo, ze tea jala, lafa nahare raha iaby zay, le tsy nampisy antony Azy rozy. ¹⁵Nivola tamin-drozy le hozo: "Nareo ro manamarina ty safanareo amaso ty olo eo, fa Njanahary mahay ty fonareo. Fa ze hasondrotsy amy ty olo eo le ho hejy amadon-Janahary eo."¹⁶Ty lalà noho olo to-resaky rey ro nisy zisiky-iavia i Jaona. Fa zisiky amy fotoa zay, ro fa nambarà ty filazantsoa ty fanjakan-Janahary, sady ty kirai-draiky ro niezaky nanity ty lalany ho amy zay. ¹⁷Fa moramora vatany ty haharava ty lanitsy noho ty tany noho ty soratsy kelikely bibike amy ty lalà ao hanjary tsy manan-kery.¹⁸Ze misaraky amy ty valiny ka le mangalajy ampela hafa le manota, sady ze mangalaky ampela ze fa nisara-baly le manota.¹⁹Sady nisy mpanan-kanana raiky ze nisalotsy voloparasy noho rongony matify sady nankamamy isan'andro ty hanana-bevatany. ²⁰Nisy mpangalatsy raiky kaihe hoe Lazarosy nipetsaky tamy ty vavahadiny eo, atsiky fery, ²¹sady naniry mba hihina ze latsaky baka anabo latabatsy ty lahilahy mpanan-kanana iny eo. Fa ndra ty alika aza avy noho nitsela ty feriny.²²Sady ingo maty mpangalatsy iny ka le nandesy zanjely rey ho anila i Abrahama eo. Maty avao koa mpanan-kanana iny ka le nalevy, ²³sady tamy ty fahatsoboa ao, laha nampijale, le nanondrotsy ty masonry ie sady nahita an'i Abrahama ta lavitsy eny noho Lazarosy tanilany eo.²⁴Ka le nikoraky mare ie nivola hozo: 'Abrahama Njanahary, mamaloza ho amiko sady alefaso Lazarosy, mba handrobonany ty tsifa ty rantsantanany anay rano ao sady hampanintsiny ty lelako, fa anay ty fangirifiry mare anay afo toy ato zaho.'²⁵Fa Abrahama nivola hozo: 'Anaky, tiarovo fa tamy ty androm-piainanao ro nahazo raha soa iha, sady ty an'i Lazarosy koa raha raty. Fa amy zao ie atoy ro voatambitamby, sady iha amy ty fangirifiry ao.'²⁶Ankoatsy iaby zay, le nisy harantsa bevata napetsaky, mba tsy ho afaky hanapaky ze ta-hanapaky baka etoy mana aminareo eny, sady tsy misy afaky hanapaky baka eny hana aminao toy.'²⁷Azy lahilahy mpanan-kanana iny nivola hozo: 'Mangataky anao zaho, Abrahama Njanahary e, mba hanirahanao azy ho an-tsano-babako any _ ²⁸fa mana rahalahy liny zao _ mba hafahany mampiemby androzy, noho ty tahotsy ty hiavian-drozy amy toera ty fijalea toy avao koa.'²⁹Fa Abrahama nivola hozo: 'Mana an'i Mosesy noho ty olo to-resaky ndrozy; engao rozy hijanjy androzy.'³⁰Sady namaly lahilahy mpanan-kanana iny hozo: 'Aha, Abrahama Njanahary, fa laha misy baka amy ty maty mana amin-drozy any, le hibe-baky rozy.'³¹Fa Abrahama koa nivola taminy hozo: 'Laha tsy mijanjy an'i Mosesy noho olo to-resaky rey rozy, le tsy ho resy lahatsy mihintsy ndra misy olo mitsanga amy maty aza.'"

Chapter 17

¹Jesosy nivola tamy mpianatsiny rey hozao: "Azo antoky fa hisy raha afsky hanosiky antsika hanota, fa loza ho ahy ty olo ze hiavia zay!"²Soa ho azyvatany laha asia vato bey amy ty vozony el ka ke atoraky an-dambosy ao, manahaky ze hampeloky ty raiky amy maliniky rey.³Miembena nareo. Laha majota ty rahalahinareo, volano mare ie sady laha mibebaky ie, manengà azy.⁴Laha manota aminao impito anay ty ndraiky andro ao ie, ka le impito mimpoly aminao ie, mivola hozao: 'Mibebaky zaho,' le tsy maintsy manenga azy iha!"⁵Apostoly rey nivola tamy Tompo hozao: "Ampitombò ty finoanay."⁶Ty Tompo nivola hozao: "Laha mana finoa hohatsy ty voa-tsinapy nareo, le afaky mivola amy vorihazo io hozao: 'Miombota, sady mitiria an-driaky eny,' le hanenky anareo ie."⁷Fa ia aminareo, ro mana mpiasa miasa tany ndra miemby aondry, ka le hivola aminy lafa avy am-baibo any ie hozao: 'Avia malaky ka le mipetsaha mba hihina?'⁸Fa tsy hivola aminy va ie hozao: 'Hijarakara raha hohaniko zaho, ka le asio santira miodidy ty salotsinao le manompoa ahy zisiky-mahalany ty hzniko noho finomako. Le bakeo iha mihina noho mino'?"⁹Tsy misaotsy azy mpiasa iny ie safe nanao ze nibekoa azy rozy, sa misaotsy va ie?"¹⁰Ndra le nareo koa aza, lafa nahavita raha iaby ze nibekoa anareo rey nareo, le tokony hivola hozao: 'zahay ro mpiasa tsy maeva. Ze tokony nanovinay avao ro nanoviny.'"¹¹Sady laha nandeha ho a-Jersalema any Ie, le nandeha tamy ty sisin-tany eo tanila i Samaria noho Galilia.¹²Lafa nilitsy tamy ty tanz raiky ao ie, le nisy boka folo lahy nifanojiky tamihy tao. Nitsanga lavitsy Azy rozy¹³ sady nanondrotsy anabo ty feon-drozy, nivola hozao: "Jesosy, Tompo e, mamaloza fo aminay."¹⁴Lafa nahita androzy Ie, le nivola tamin-drozy hozao: "Mandehana le ampitoró amy mpisoro ty vatanareo rey." Laha nandeha iny ndrozy le naliao.¹⁵Lafa nahita ty raiky tamin-drozy fa afaky ie, le nimpoly, niaraky tamy ty feo anabo nirengy an-Janahary.¹⁶Niondriky fan-tombo i Jesosy eo ie, nanome fisaora ho Azy. Ie ro Samaritana.¹⁷Sady Jesosy nivola hozao: "Tsy fa voalio va ie folo? Fa aia ty sivy?"¹⁸Tsy nisy hafa nimpoly hanome voninahitsy an-Janahary va, hafa-tsy vahiny toy?"¹⁹Sady hoy Ie taminy: "Mitsangàna, ka le mandehana. Ty finoanao ro naha afaky anao."²⁰Laha nanontany Fariseo rey hoe ombia ty fanjakan-Janahary ro ho avy, le namaly androzy Jesosy ka le nivola hozao: "Tsy hita-maso ty fiavia ty fanjakan-Janahary."²¹Tsy hivola koa rozy hozao: 'Hentao, Toy azy ie iny!' ndra hozao: 'Roy azy ie iny!' Fa ingo, ty fanjakan-Janahary le anainareo ao."²²Hoy ie tamy mpoianatsy rey: "Avy ty andro hatirianareo ty akata ty raiky amy ty andro ty Anak'Olo, fa tsy hahita zay nareo."²³Sady rozy ro hivola aminareo hozao: 'Hentao, aroy! Hentao, Etoy!' Fa ka mania androzy,²⁴fa manahaky ty helatsy mipiriaky mazava lafa mitaratsy baka amy ty ilany any ty lanitsy ka le zisiky amy ty ilany raiky any, le mahahakyay ty Anak'Olo amy ty androny.²⁵Fa velohany le tsy misy hijaly amy ty raha lako Ie sady ho lavitsy ty tariha toy.²⁶Manahaky ze niseho tamy ty andro i Noa, ro hiboaky koa amy ty andro ty Anak'Olo.²⁷Nihina rozy, nino, nanambaly, namea ho ampiakary, zisiky-ia via ty andro ze nilira i Noa tamy ty sambofiondra ao _ sady niavy ty Safo-drano ka le nandrava azy iaby.²⁸Manahaky ze niseho tamy ty andro i Lota _ nihina sady nino drozy, nivily noho namarotsy, namboly noho nanao tsano.²⁹Fa tamy ty andro ze niboaha i Lota baka Sodoma ao, ro afo noho solifara ro nilatsaky baka an-danitsy any ka le nandrava azy iaby.³⁰Le hohatsy zay koa ty amy ty andro hiboaha ty Anak'Olo.³¹Amy andro zay, aza enga hijotso hangalaky entany rey ho ambaliky tsano any ze amy ty anabo-tsano eny; sady ka enga himpoly ze am-baibo any.³²Tiarovo ty valy i Lota.³³Ndra ia ndra ia mila hamonjy ty ainy le hahatsobo azy, fa ndra ia ndra ia hahateobo ty ainy le hamonjy azy.³⁴Mivola aminareo Zaho, fa amy haliky zay ro hisy olo roe anabo ty kitsely raiky eo. Ty raiky ro horambesy, sady ty raiky hengà.³⁵Sady hisy ampela roe miaramandisa vary. Ty raiky ho rambesy,³⁶sady ty raiky hengà."³⁷Nanontany Azy rozy hozao: "Aia, Tompo?" sady Ie nivola tamin-drozy hozao: "Ze hipetsaba ty faty, le any koa ro hisy votoro hiara-mivory."

Chapter 18

¹Bakeo Ie nivola fanohara tamin-drozy ty mikasiky ty tokony hivavan-drozy zisiky farany, sady tsy ho kivy, ² nivola hozao: "Tamy ty tanà raiky ao ro nisy mpitsara ze tsy natahotsy an-Janahary sady tsy nanaja olo. ³Sady nisy mpandai-vata raiky tamy tanà io, sady ie nana aminy any san'andro, nivola hozao: 'Ampeo zaho mba hahazoako rariny aloha ty fahavaloko.' ⁴Fa ela ie ro tsy vonona ty hanampy azy, fa tafara kelikely zay le nivola tamy ty vatany ie hozao: 'Ndra le tsy matahotsy an-Janahary aza zaho ndra tsy manaja olo, ⁵fa koa safe manahira ahy mpandai-vata toy, le hanampy azy zaho mba hahazoany rariny, mba tsy handreraky ahy noho ty firioriony lava atoy sasy ie.' ⁶Bajeo nivola ty Tompo hozao: 'Janjino ze ambara mpitsara tsy marina iny. ⁷Sady tsy handay rariny ho ahy ze voatinginy ze mikaiky mare Azy andro noho haliky koa va Njanahary? Hangatak'andro lava amin-drozy va ie? ⁸Volaniko aminareo fa handay rariny malaky amin-drozy ie. Manahaky zay koa, lafa avy ty Anak'Olo, hahita finoa an-tany etoy vatany va Ie?' ⁹Bakeo koa Ie nivola fanohara zao tamy ty ilany ze nahatoky ty vatan-drozy fa hoe marina noho ze manivativa olo hafa rey: ¹⁰"Nisy roe lahy niakatsy tan-degilizy ao mba hivavaky _ ty raiky le Fariseo sady ty hafa ro mpamory haba. ¹¹Azy fariseo nitsanga iny sady ndreto nivavaky raha mikasiky ty vatany hozao: 'Njanahary e, misaotsy Anao zaho fa tsy mitovy amy ty olo hafa _ mpangalwtsy, olo tsy mqrina, mpaheriloha _ndra manahaky mpamory haba toy aza. ¹²Mifaly hany indroe isan-kerinandro zaho. Manome ty ampahafolo ze azoko iaby zaho. ¹³Fa azy mpamory haba iny, nitsanga talavitsy eny, tsy nety nanondrotsy ty masonry tamy ty lanitey eny vatany, fa nipaiky-tsatsa, nivola hizao: 'Njanahary e, mamaloza fo amiko, mpanota.' ¹⁴Mivola aminareo Zaho, lahilahy io ro nimpoly nijotso tan-tsanony any voamarina noho azy raiky iny, safe ze iaby manondrom-bata ro hajotso, fa ze iaby mampijoteo-vata ro hasondrotsy. ¹⁵Ty olo koa ro nanday ty anany kelikely Taminy eo, mba hikasiha androzy, fa lafa nahita zay mpianatsy rey, le nivola mare androzy. ¹⁶Fa Jesosy nikaiky androzy hamonjy Azy, nivola hozao: "Engao ty aja hamonjy Ahy, sady ka rarà ndrozy. Fa ahy ty manahaky androzy ty fanjakan-janahary. ¹⁷Volaniko aminareo marina, ndra ia ndra ia tsy handramby ty fanjakan-Janahary manahaky ty aja le tsy hilitry amy zat ao mihintsy. ¹⁸dy nisy mpanapaky raiky nanontany Azy, nanao hozao: "Mpampianatsy soa a, ino tsy maintsy hanoviko mba handovako ty fiaina zisiky farany?" ¹⁹Jesosy nivola taminy hozao: "Nanino Zaho ro kaihinao hoe soa? Tsy misy olo soa, hafa-tsy Njanahary raiky avao. ²⁰Hainao lily rey _ Ka maheriloha, ka mamono olo, ka mangalatsy, ka mitsanga ho vavolombelo pavandy, manaja ty babanao noho ty reninao. ²¹Nivola mpanapaky iny hozao: "Iaby zay ro fa nenkeko tamy zaho mbo nitanora. ²²Lafa nahare zay Jesosy, le nivola taminy hozao: "raha raiky ro tsy ampy aminao. Tsy maintsy mamqrotsy ze iaby anananao iha sady mizara zay amy ty mijaly, sady hana hanana an-danitsy any iha _ sady avia, manoriha Ahy." ²³Fa lafa nahare raha rey azy mpanapaky iny, le nanjary nalahelo mare, fa nanan-kanana mare ie. ²⁴Sady Jesosy, nahita azy, nanjary nalahelo mare sady nivola hozao: "Manao ino ty fahasarota ty filira amy ty fanjakan-Janahary ao ho ahy ze mpanan-kanana rey! ²⁵Fa moramora vatany ho ahy ty rameva ty hilitry amy ty afara-fitsebiky, noho ty hilira ty olo mpanan-kanana raiky amy ty fanjakan-Janahary ao." ²⁶Ze nahare zay rey ro nivola hozao: "Ia moa ro afaky ho vonje?" ²⁷Jesosy namaly hozao: "raha ze tsy hain'olombelo rey ro hain-Janahary. ²⁸tera nivola hozao: "Ingo, nandalo ty raha iaby ze anay zahay sady nanaranaky Anao." ²⁹Sady Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Ambarako aminareo marina, fa tsy misy olo ze nahafae tsano, ndra valy, ndra rahalahy, ndra ray aman-dreny, ndra anaky, noho ty fanjakan-Janahary, ³⁰ze tsy hahazo bevata vatany amy ty tany iaby toy, sady amy ty andro ho avy, le fiaina zisiky farany. ³¹Lafa baka namory ty folo roa amby lahy Taminy eo Ie, le hoy ie tamin-drozy hozao: "Ingo, miakatsy ho a-Jersalema any tsika, ka le raha iaby ze voasoratsy ty to-resaky mikasiky ty Anak'Olo rey ro ho tanteraky. ³²Fa hamea amy Jentilisa rey eo Ie, ka le hiheheza, noho hala baraka, sady handorà. ³³Afara ty hamangoa Azy, le ho vonon-drozy Ie sady amy ty andro fahatelo ro hitsanga ndraiky Ie. ³⁴Tsy nahatakatsy ndra ino ndra ino tamy raha rey ndrozy, sady navony tamin-drozy safa zay, sady tsy azon-drozy ty raha ze voavola. ³⁵Sady laha nanariny an'i Jeriko i Jesosy, le nisy lahilahy jiky raiky nipetsaky tansisin-dana eo nangataky, ³⁶sady laha nahare ty olo lako nandalo, le nanontany ze raha niseho ie. ³⁷Nivola taminy ndrozy hoe nandalo teo Jesosy baka Nazareta any. ³⁸Ka le nikaiky mare azy lahilahy jiky iny, nanao hozao: "Jesosy, Ana i Davida, mamalo fo amiko." ³⁹Fa ze nandeha taloha rey ro nivola mare an'i azy lahilahy jiky iny, ka le nivola taminy mba tsy hivola. Fa ie vo maiky nikaikaiky mare hozao: "Ana i Davida a, mamaloza fo amiko." ⁴⁰Jesosy nijano sady nibeko ty mba handay lahilahy iny ho aminy eo, Sady lafa tanila lahilahy jiky iny eo, le nanontany azy Jesosy hozao: ⁴¹"Ino ro teanwo hanoviko ho ahy nao?" Nivola ie hozao: "Tompo, te-hahita zaho." ⁴²Jesosy nivola taminy hozao: "Mahità. Ty finoanao ro nahafaky anao." ⁴³Teo noho eo le nahita ie sady nanoriky Azy, nanome voninahitsy an-Janahary. Ty olo iaby, lafa nahita zay, le nanome fanompoa ho ahin-Janahary.

Chapter 19

¹Nilitsy Jesosy sady nandalo an'i Jeriko. ²Ingo, nisy lahilahy ze nikaihe hoe Zakaiosy teo. Ie ro bey ty mpamory haba sady manan-kanana. ³Niezaky ty hahita ie hoe ia Jesosy, nefa tsy afaky nahita tanay olo lako ao, safe boribory ie. ⁴Ka le nilay aloha olo rey ie nanganiky hazon'aviavy raiky mba hahita Azy, sady handalo amy lala zay Jesosy. ⁵Lafa niavy tamy toera iny eo Jesosy, le niandrandra le ka le nivola taminy hozo: "Zakaiosy e, mijotsoa malaky, fa androany le tsy maintsy hijano an-tsanonao ao Zaho." ⁶Le nijotso malaky ie sady nandramby Azy tam-pifalea. ⁷Lafa nahita zay ty iaby, le nitoreo iaby, nivola hozo: "Nilitsy hamangy lahilahy ze mpanota Ie." ⁸Nitsanga Zakaiosy ka le nivola tamy Tompo hozo: "Henteo, Tompo, ty antsasaky ty fananako ro ameako ho ahy ty mijaly, sady laha hohatsy ka le nisy raha namitahako olo, le honerako mandilatsy inefatsy." ⁹Jesosy nivola taminy hozo: "Androany ty famonjea ro hoavy amy ty tokatsanonao toy, safe ie koa ro ana i Abrahama. ¹⁰Fa ty Anam'Olo ro niavy mba hila noho hamonjy olo ze tsobo rey." ¹¹Lafa nahare raha zay rozy, le nanohy nivola Ie sady nanao fanohara raiky, safe fanila i Jerosalema eo Ie, sady rozy nieritseritsy fa hiseho teo noho eo ty fanjakan-Janahary. ¹²Laha zay Ie le nivola hozo: "Nisy tandapa raiky nandeha tan-tany lavitsy any mba hahazo fanjaka ho ahy ty vatany sady himpoly bakeo. ¹³Nikaiky folo lahy tamy mpiasany rey ie, sady nanome farantsa folo androzy, sady nivola tamin-drozy hozo: 'Mananova raharaha-barotsy zisiky-impoliako.'" ¹⁴Nefa olo lakony rey nahay azy sady nandefa solontena nanoriky azy, nivola hozo: 'Tsy ilanay ty hanjaka lahilahy io aminzy eto.' ¹⁵Sady lafa nimpoly ndraiky ie, baka nandramby ty fanjaka, le nibeko mpiasany ze nameany jala rey mba ho aminy eo ie, mba hahazany ze benefisy azon-drozy tamy ty fananova raharaha-barotsy. ¹⁶Niavy talohany eo ty velohany, nivola hozo: 'Tomp, ty farantsanao ro nahazo benefisy farantsa folo mandilatsy.' ¹⁷Nivola azy tandapa iny hozo: 'Soa zay, mpiasa soa a. Laha iha nahatoky tamy ty kelikely bibiky, le hanam-pahefa amy ty tanà folo iha.' ¹⁸Niavy faharoe iny, nivola hozo: 'Ty farantsanao, tomp, ro nahavita farantsa limy.' ¹⁹Sady nivola taminy tandapa iny hozo: 'Hiantoky tanà limy iha.' ²⁰Niavy ty raiky hafa, nivola hozo: 'Tomp, ingo ty farantsanao, ze nihajariko soa tanay siky ao, ²¹fa natahotsy anao zaho, safe lahilahy masiaky iha. Ka le mangalaky ze tsy napetsakinao, sasy mijinja ze tsy nararako.' ²²Nivola taminy fandapa iny hozo: 'Amy tysafanao manoka ro hitsadako anao, iha mpiasa raty fanahy. Hainao fa zaho ro lahilahy masiaky, mangalaky ze tsy napetsako, sady mijinja ze tsy nanarako.' ²³Ka le ino ro tsy napetsakinao tamy ty mpanajary jala toy ty jalako, ka lafa nimpoly zaho le ho ndramby zay niaraky tamy ty anany?' ²⁴Tandapa iny nivola tamy ze nitsanga mariny eo rey hozo: 'Alao aminy ty farantsa, sady ameo azy mana ty farantsa folo iny rey.' ²⁵Sady hoasan-drozy taminy hozo: 'Tomp mana farantsa folo ie.' ²⁶Zaho mivola aminareo, fa ze iaby mana ro haneme mandilatsy, da ze tsy mana, ndra le ze anany aza le halà. ²⁷Fa fahavaloko rey, ze tsy naniry ahy hanjaka amin-drozy eo rey, andeso atoy rozy sady vono alohako eto.'" ²⁸Lafa baka nivola raha rey ie, le nandeha aloha, niakatsy ho a-Jersalema any. ²⁹Sady lafa niavy tanila i Betifaga noho Vetania eo Ie, tamy ty vohitsy kaihe hoe Oliva eo, le naniraky ty roe tamy mpianatsiny rey Ie, ³⁰nivola hozo: "Mandehana amy ty tanà manaraky any. Lafa militsy nareo, le hahita ana-boriky raiky mbo tsg niondranan'olo mihintsy. Vahao zay le andeso amiko atoy. ³¹Lafa misy manontany anareo hozo: 'Nanino ro vahanareo io?' le volano hozo: 'Misy ilà Tompo azy.' ³²Ze nirahy rey ro nandeha sady nahita ana-boriky iny mahahaky ty nivolany i Jesosy tamin-drozy. ³³Lafa tam-pahamaha ty ana-boriky eo rozy, le hoy tompony rey tamin-drozy hozo: 'Nanino ro vahanareo ty ana-boriky?' ³⁴Nivola rozy hozo: 'Misy ilà Tompo azy.' ³⁵Nandesin-drozy tamy i Jesosy any zay, sady napetsan-drozy tanabo ty ana-boriky eo ty sikiny sady nametsaky an'i Jesosy tanabony eo. ³⁶Lafa nandeha iny Ie, le nampolin-drozy tamy ty lala eo ty sakin-drozy. ³⁷Sady lafa nanariny an'i azy toera fijotsoa amy ty Vohitsy Oliva iny Ie, le nanomboky nifaly mpianatsiny lako mare rey sady nanompo an-Janahary tamy ty feo mare noho ty asa bevata iaby ze hitan-drozy, ³⁸nivola hozo: 'Tompoe lahy ty mpanjaka ze baka amy ty anara ty Tompo! Fiadana an-danitsy any szdy voninahitsy amy ty abo bibiky any!' ³⁹Ty Fariseo ilany tamy ty olo lako eo ro nivola taminy hozo: 'Mpampianatsy el volano mare mpianatsinao rey.' ⁴⁰Namaly Jesosy sady nivola hozo: 'Volaniko aminareo marina, fa laha tsy mivola rozy, le hikorakoraky ty vato.' ⁴¹Lafa namonjy ty tanà Jesosy, le nitany azy, ⁴²nivola hozo: 'Laha mba hainao moa amy andro zao, eny iha, raha ze manday fiadana ho ahy nao rey! Nefa amy zao reny le tey hita amy ty masonao. ⁴³Fa avy aminao andro re, ze hampitsangana ty fahavalonao manda miodidy anao, sady hiodidy anao, sady hanery anao amy ty lafiny iaby. ⁴⁴Ndrozy ro handavo ananao. Tsy hanenga ndra le vato raiky mifanongoa aza rozy, safe iha tsy nahay za tamy Njanahary mbo niezaky ty hamonjy anao iny.' ⁴⁵Nilitsy tan-degilizy ao Jesosy sady nanomboky nandoaky ze namarotsy rey, ⁴⁶nivola tamin-drozy hozo: 'Fa voasoratsy hozo: 'Ty tsanoko ro nanovy tsano fivavaha,' fa nareo koa nanao zay ho aloky fialofa malaso rey.' ⁴⁷le nampianatsy isan'andro tan-degilizy ao Jesosy. Loha ty mpisoro noho mpanora-dalà rey sady mpitariky ty olo lako rey ro nila hamono azy, ⁴⁸fa tsy nahita fomba hananova zay ndrozy, safe nazoto nijanjy Azy iaby ty olo lako iaby.

Chapter 20

¹Sady ndraik'andro, laha nampianatsy ty olo lako tamy ty egilizy eo Jesosy sady nanambara ty filazantsoa, le namonjy Androzy mpitariky ty mpisoro noho mpanora-dalà niaraky tamy olo-bey rey. ²Nivola ndrozy, nanao taminy hozo: "Volano anay hoe amy ty fahefa ino ro hananovanao raha rey? Ndra koa ie ro namea anao fahefa zao?"³Namaly Ie sady nivola androzy hozo: "Zaho koa ro hampipetsaky fanontanea aminareo. volano Ahy ty mikasiky ⁴ty latabatsy i Jaona. Moa va baka an-dany any zay sa baka amy ty olombelo?"⁵Nialy hevitsy ndrozy, nivola hozo: "Laha hamaly tsika hozo: 'Baka an-danitsy any' le hivola Ie hozo: 'Take nanino nareo ro tsy nino Azy?' ⁶Fa laha mivola tsika hozo: 'Baka amy ty olombelo,' le hitora-bato antsika ty olo lako iaby, safe ndrozy ro resy lahatsy fa Jaona ro to-resaky."⁷Laha zay le namaly ndrozy fa tsy hain-drozy ze niaviany. ⁸Jesosy nivola tamin-drozy hozo: "Zaho koa tsy hivola aminareo ze fahefa hananovako raha iaby zao."⁹Nivolaniny tamy ty olo lako fanohara zao: "Nisy lahilahy raiky nanao tanim-boloboky, nampanofa zay tamy ty mpamboly voloboky, sady nandeha tamy ty firenea hafa any anay ty fotoa ela. ¹⁰Tamy ty lera voatondro ro nandefa mpiasa ie ho amy mpamboly voloboky rey any, fa tokony hanome azy ty voankazo azy tanim-boloboky iny ndrozy rey. Nitapahy mpamboly nefa ie, sady nalefany nimpoly tanam-polo. ¹¹Bakeo le nandefa mpiasa hafa ndraiky ie sady le nitapahan-drozy avao koa, nalany baraka, sady nalefan-drozy tanam-polo. ¹²Mbo nandefa fanintelony ie sady niratsan-drozy koa ie, sady niroahiny. ¹³Laha zay le nivola ty tompo tanim-boloboky iny hozo: 'Ino ro hanoviko? Halefako any ty anakilahiko teako. mety mba ho hajan-drozy ie.' ¹⁴Fa lafa jilo mpamboly voloboky rey ie, le nifampiresaky ndrozy, nivola hozo: 'Io azy mpandova iny. Ndao ho vonontsika ie, mba ho lasantsika ty lova.' ¹⁵Niroahin-drozy niala ty tanim-boloboky ie sady nivonon-drozy. Ino moa ro hanovy ty tompo tanim-boloboky iny amin-drozy? ¹⁶Ho avy ie sady hanimba mpamboly voloboky rey, sady hanome tanim-boloky iny ho ahy ty hafa." Lafa nahare zay ndrozy, le nivola hozo: "Safe amin-Janahary!"¹⁷Fa nanenty androzy Jesosy, nivola hozo: "Ino ro hevitsy azy voasoratsy hozo iny: 'Ty vato ze tsy nenke ty mpanomboatsy-tsano rey ro nanjary vato fehizoro?' ¹⁸Ty kirai-draiky ze milavo amy vato io le ho torotoro. Fa ndra ia ndra ia hilavoany, le ho toro." ¹⁹Ka le nila hanambotsy Azy tamy lera io mpanora-dalà rey noho mpisoro rey, fa hain-drozy fa nivolaniny fanohara io hanohitsy androzy. Nefa natahotsy ty olo lako ndrozy. ²⁰Tam-panandiniha Azy soa eo, le nandefa mpitsikilo somary marina ndrozy, mba afahan-drozy mahita tsiny amy ty volaniny, ka le hanome Azy amy ty fanapaha eo noho fahefa ty governora. ²¹Nanontany Azy ndrozy, nivola hozo: "Mpampianatsy e, hainay Iha fa mivola noho mampianatsy am-pahamarina, sady tsy voasanto ty hevitsin'ia ndra ia, fa iha ro mpampianatsy ty fahamarina mikasiky ty lalan-Janahady. ²²Ara-dalà ho anay va ty mandoa haba amy i Kaisara, sa aha?"²³Fa Jesosy ro nahatakatsy ty failon-drozy, sady nivola tamin-drozy hozo: ²⁴"Mampitoro denaria raiky Amiko. An'ia sary noho anara aminy eo io?" Nivola rozy hozo: "An'i Kaisara." ²⁵Hoy Ie tamin-drozy hozo: "Laha zay ameo an'i Kaisara ty raha ze an'i Kaisara, sady ahin-Janahary, raha ze ahin-Janahary rey." ²⁶Tsy nahita tsiny tamy ze nivolaniny tanila ty olo lako eo ndrozy, fa le nitseriky tamy ty valin-tsafany ka le tsy nivola. ²⁷Lafa avy taminy eo ty ilany tamy Sadoseo rey, ze nivola fa tsy misy ty fitsangana amy maty rey, ²⁸nanontany Azy ndrozy, nivola hozo: "Mpampianatsy e, Mosesy ro nanoratsy ho ahintsika fa laha maty ty rahalahy ty lahilahy raiky, manam-baly, sady tsy mana-anaky, le tokony hangalam-baly an'i vali-ty rahalahiny iny azy lahilahy iny, sady hanome anaky ho ahy ty rahalahiny. ²⁹Nisy mpidahalahy fito sady ty velohany nanam-baly, sady maty tsy mana-anaky, ³⁰sady ty faharoe koa manahaky azy. ³¹Nampiakatsy azy ty fahatelo, sady manahaky zayaby ie firo samby tsy nana-anaky, sady maty. ³²Tafara zay le maty koa ampela iny. ³³Amy ty fitsangana amy maty, ho valin'ia sady ie? Fa samby fa nanam-baly azy rozy fito." ³⁴Jesosy nivola tamin-drozy hozo: "Ana ty tany iaby toy ro mampiakatsy-valy noho ampiakary. ³⁵Fa ze hita amy ty andro zao rey fa maeva ty handramby ty fitsangana amy maty le tsy hampiakatsy-valy ndra hampiakary. ³⁶Tsy ho maty sasy ndrozy, safe mitovy amy anjely rey noho anan-Janahary rey, ze anaky ty fitsangana amy maty. ³⁷Fa ty maty ro natsanga, ndra Mosesy aza le nampitoro, tamy toera ze nisy ty voaroy iny eo, ze nikaihiny ty Tompo ho Njanahary i Abrahama noho Njanahary i Isaka sady Njanahary i Jakoba. ³⁸Sady Ie ro tsy Njanahary ty maty, fa ty velo, safe ty iaby ro velo aminy ao." ³⁹Ty ilany tamy mpanora-dalà rey namaly hozo: "Mpampianatsy e, namaly soa Iha." ⁴⁰Safe tsy mahasaky nampipetsaky fanontanea hafa taminy sasy ndrozy. ⁴¹Jesosy nivola androzy hozo: "Nanino ro ivolanand-drozy fa Kristy ro anakilahy i Davida?" ⁴²Fa Davida vatany ro nivola tamy ty boky i Salamo ao hozo: Ty Tompo nivola tamy ty Tompoko hozo: 'Mipetsaha an-tana ankavanako eo, ⁴³zisiky-pananovako ty fahavalonao ho fipetsaha-tombokinao.' ⁴⁴Laha zay Davida le nikaiky an'i Kristy hozo: 'Tompoko', ka le ino ro maha ana i Davida Azy?"⁴⁵Tanila ty olo iaby eo ro nivola tamy mpianatsiny rey Ie hozo: ⁴⁶"Miembena amy ty mpanora-dalà, ze maniry handeha miaraky amy ty salotsy lava, noho tea fiaharaba manoka am-bazary eny, noho seza velohany anay synagoga ao, sady toera velohany ty amy ty fanasa any.

⁴⁷Ndrozy koa ro mandany ty tsano mpanday-vata rey, sady manao vavaky lavareny ho fisehosehoa. Ty lahilahy manahaky zay ro hahazo fanasazia bevata vatany."

Chapter 21

¹Jesosy nampipý maso ka le nahita lahilahy manan-kanana rey ze nandrotsaky ty fanomezan-drozy tamy ty fandatsahan-drakitsy. ²Nahita mpandai-vata mijaly raiky nandatsaky jala limy roe tao Ie. ³Ka le hoy Ie hozao: "Volaniko aminareo mari a, mpandai-vata mijaly toy ro nandatsaky lako noho rozy iaby. ⁴Iaby rey ro nanome fanomeza manahaky ty halakoa ty hananany. Fa mpandai-vata toy, tamy ty fijaleany, le nandatsaky ty fivelomany iaby."⁵Laha nisy lako niresaky mikasiky ty egilizy, fa voaravaky vato soa tarehy noho fanomeza zay, le hoy Ie hozao: ⁶"Fa ty amy raha hitanareo rey, mbo ho avy ty andro ze tsy hisy ndra vato raiky aza hijano amy ty hafa ka le tsy ho rava."⁷Ka le nanontany Azy ndrozy, nanao hozao: "Mampianatsy e, ombia raha rey ro hiboaky? Ino ro fahaiza lafa hiboaky raha rey?" ⁸Jesosy namaly hozao: "Miembena mba tsy ho voafitaky nareo. Fa lako ro ho baka amy ty anarako, hanao hozao: 'Zaho ro ie,' sady, 'Fa mariny ty fotoa.' Ka manoriky androzy. ⁹Laha mahare aly noho fiharoa nareo, le ka mangorohoro, fa raha rey ro tsy maintsy hiboaky aloha, fa ty farany ro tsy hiboaky eo noho eo."¹⁰Sady hoy Ie tamin-drozy hozao: "Ty firenea ro hitsanga hanohitsy firenea, sady, fanjaka hanohitsy fanjaka. ¹¹Hisy horohoron-tany bevata, sady mosary noho areti-mandrava amy ty toera sambihafa any. Hisy raha mampatahotsy sady fahaiza bevata baka an-danitsy any."¹²Fa aloha raha iaby rey, ke hanambotsy anareo ndrozy sady hanenjiky anareo, hanome anareo amy ty synagoga noho ty figadrà ao, handay anareo aloha mpanjaka noho mpanapaky rey noho ty anarako eo. ¹³Zay ro hanome fahefa ho amy ty fitsangananareo vavolombelo. ¹⁴Laha zay le manapaky hevitsy am-ponareo ao mba tsy hanoma ty fiarovananareo aloha ty fotoa, ¹⁵fa Zaho hanome safa noho fahendrea nareo, ze tsy afaky tohery noho tsy enke mpanohitsy anareo rey. ¹⁶Fa nareo koa ro hamea ty ray aman-dreny, longo noho nama rey, sady ndrozy ro hamono ho maty ty ilany aminareo. ¹⁷Ho hala ty kirai-draiky noho ty anarako Nareo. ¹⁸Fa tsy hisy ho tsobo ndra le volo raiky amy ty lohanareo aza. ¹⁹Amy ty faharetanareo ro hamonjeanareo ty fanahinareo. ²⁰Lafa hitanareo voabeko ty maramila Jerosalema, le haiko fa mariny ty faharavany. ²¹Le engao ze a-Jodia any hilay am-bohitsy any, sady engao ze anivo ty tanà any rey hiala, sady ka enga hilitry ao ze ambanivohitsy any. ²²Fa rey ro andro ty valifaty, mba ho tanteraky raha iaby fa voasoratsy rey. ²³Loza ho ahy ze manday tsoky noho ho ahy ty mampinono amy andro zay rey! Fa hisy fihalea bevata amy ty tany eo, sady heloky amy olo lako io. ²⁴Ho lavo ty meso-bey ndrozy handesy ho gadra amy ty firenea iaby any, sady Jerosalema ro ho voahosihosy Jentilisa rey, zisiky-hahantanterajy ty andro Jentilisa. ²⁵Hisy fahaiza amy ty masoandro eny, amy ty vola eny, noho amy ty basia eny, sady an-tany eny. Ho tsa-pijalea firenea rey, hitiretoreo noho ty eron-driaky noho onja rey. ²⁶Hisy lahilahy ho teipiky ty fahotsy noho ty fandinanasa raha ze ho baka an-tany eto rey. Fa ho voahozongozo ty hery ty lanitsy. ²⁷Bakeo le ho hitan-drozy Anak'Olo baka amg ty raho eny miarakay amy ty hery noho voninahitsy bevata. ²⁸Fa lafa manomboky mitsanga raha rey, le mitsangana sady asondroto ty lohanareo, safe fa mariny ty fahefa nareo."²⁹nao fanohara tamin-drozy Jesosy hozao: "Hentao ty hazon'aviavy, noho hazo iaby rey. ³⁰Lafa mampisaro rey, le ho hitanareo manoka fa mariny ty lohafao. ³¹Manahaky zay avao koa, lafa hitanareo mitsanga raha rey, le hainareo fa mariny ty fanjakan-Janahary. ³²Volaniko aminareo, marina vatany, tariha toy ro tsy ho maty zisiky-piboaha raha rey. ³³Ty lanitsy noho ty tany ro rava, fa safako rey ro tsy ho rava zisiky farany. ³⁴Fa miembena amy ty vatanareo, mba tey ho vesary ty vokatsy ty finoma noho ty fahamamoa ty fonareo, noho ahiahy ty fiaina rey, kable bakeo le hikatoky tampoky aminareo manahaky ty fandika andto zay. ³⁵Fa zay ro ho avy amy ty kirai-draiky ze miay mamenon-tany. ³⁶Fa mba mailo amy ty fotoa iaby, mivavaha mba ho ampy hery nareo hilay raha iaby ze hiboaky rey, sady hitsanga aloha ty Anak'Olo eo."³⁷Ka le tanay andro ro nampianatsy tamy ty egilizy ao Ie, sady ty haly ro nandeha nihoaky Ie sady nijano tam-bohitsy Oliva eo. ³⁸Olo lako iaby rey ro vo avy marai-ndra-bey mba hijanjy Azy tamy ty egilizy ao.

Chapter 22

¹Sady fa mariny ty Fifalefalea amy ty Mofo tey masira, ze kaihy hoe Paska.² Nialy hevitsy olo-bey ty mpisoro rey noho mpanira-dalà ty amy ty fomba afahan-drozy mamono an'i Jesosy, safe natahotsy ty olo rozy.³ Bakeo Satana nilitsy tamy i Jodasy Iskariota, ze raiky tamy folo roa amby rey. ⁴Jodasy nandeha nana amy loha ty mpisoro rey any noho kapiteny rey sady nialy hevitsy tamin-deozy ty amy ty fomba hamitahany an'i Jesosy amin-drozy eo. ⁵Faly ndrozy, sady nanenky ty hanome jala azy. ⁶Nanenky ie, sady nila kendry toha mba hanomezany Azy amin-drozy lavitsy ty olo lako rey. ⁷Niavy ty andro ty mofo tsy masira, ze tsy maintsy hananova soro ty anak'aondry Paska. ⁸Jesosy naniraky an'i Petera noho Jaona, nanao hozo: "Mandehana sady omano ho anhy tsika ty hany ty Paska, mba ahafahantsika mihina zay." ⁹Ndrozy nanontany Azy hozo: "Aia ro teanao hanovinay ty fanomana?" ¹⁰Namaly androzy Ie hozo: "Janjino, lafa militsy ty tanà nareo, le hisy lahilahy raiky manday sihoan-drano hotojiky aminareo. Manoriha azy amy ze tsano ilirany any." ¹¹Le volano ty tompon-tsano hozo: "Ty Mpampianatsy mivola aminao hozo: "Aia ty efi-tsano fandrambesam-bahiny, ze hihinanako ty hany ty Paska miaraky amy mpianatsiko rey?" ¹²Is hampitoto anareo efitsano anabo esikalie bevata misy enta. Anovo ao ty fanomana." ¹³Ka le nandeha ndrozy, sady nahitq ty raha iwby manahaky ze nivolaniny tamin-drozy. Sady nanoma ty hany ty Paska ndrozy. ¹⁴Lafa avy ty fotoa, le nipetsaky niaraky tamy apostoly rey Ie. ¹⁵Le nivola tamin-drozy Ie hozo: "Naniry mare ty hihina Paska toy miaraky aminareo zaho aloha ty hijaleako. ¹⁶Fa volaniko aminareo, tsy hihina toysasy Zaho, zisiky-pahantanteraha zay amy ty fanjakan-Janahary any." ¹⁷Le nandramby kapoaky Jesosy, sady lafa nisaotsy Ie, le nanao hozo: "Rambeso toy, sady zarao aminareo. ¹⁸Fa volaniko aminareo, tsy hinomy ty vokatsy ty voloboky sasy Zaho, zisiky-piavia ty fanjakan-Janahary." ¹⁹Le nandramby ty mofo Ie, sady lafa nisaotey, le nitapahany zay, sady nameany androzy, le nivola hozo: "Toy ty vatako ze nameako ho ahy nareo. Anovo zao ho fahatiarova Ahy." ²⁰Nirambesiny manahaky zay koa ty kapoaky lafa vita ty hany, le hoy ie hozo: "Kapoaky toy ro fanenkea vaovao amy ty lioko iny, ze narotsaky ho ahy nareo. ²¹Fa miembena. Azy raiky ze hamitaky Ahy iny ro miadaky Amiko an-databatsy eto. ²²Fa ty Anak'Olo ro mandeha vatany manahaky ze voatondro. Fa loza ho ahy lahilahy ze hamitaky Azy zay!" ²³Nanomboky nifampanontany ndrozy ty amy ty raiky amin-drozy ze mety hanao zay. ²⁴Le nisy fifamalea nitsanga ka le tamin-drozy eo mikasiky ze dinihy ho bevata bibike amin-drozy. ²⁵Nivola tamin-drozy Ie hozo: "Mpanjaka ty Jentilisa rey ro tompon-drozy, sady ze mana fahefa amin-drozy rey ro anovy hanahaky ze manao soa ho ahy ty olo lakony. ²⁶Fa tsy manahaky zay mihintsy ty aminareo. Mifanohitsy amy zay, engao ze bevata bibike aminareo hanjary manahaky ty kelikely bibike, sady engao ze manan-danja bibike hoavy manahaky ze manompo. ²⁷Fa ia ro bevata vatany, ze mipetsaky amy ty latabatsy, sa ze manompo? Tsy ze mipetsaky amy ty latabatsy eo va? Nefa Zaho aminareo eto manahaky ty raiky ze manompo. ²⁸Fa nareo ro olo ze nanohy niaraky tamiko tamy ty fangalam-panahy nahazo tamiko ao. ²⁹Ameako fanjaka nareo, manahaky ty Babako koa ze hanome fanjaka ho Ahy, ³⁰mba ho afaky hihina noho hino an-databatsiko eo amy ty fanjakako any nareo, sady hipetsaky amy ty seza fipetsaha eo hitsara ty foko ty Israely folo roa amby nareo. ³¹Simona, Simona, miembena, mila ty hahazo anareo Satana, mba ahafahany maniva anareo manahaky ty vary. ³²Fa nivavaky ho ahy anao Zaho, mba tsy ho maty ty finoanao. Afara ty himpolianao ndraiky, le ampaherezo rahalahinao rey." ³³Petera nivola taminy hozo: "Tompo, vonona hiaraky Aminao zaho ndra an-gadra any ndra amy ty fahafatesa any." ³⁴Jesosy namaly hozo: "Volaniko aminao, Petera, tsy hanoro ty akoho amy andro zay, aloha ty tsy hanenkeanao Ahy intelo hoe mahay Ahy iha." ³⁵Le nivola tamin-drozy Jesosy hozo: "Lafa nandefa anareo tsy niadaky tamy ty fipetsahan-jala, kitapom-batsy, ndra kiraro Zaho, nisy raha tsy ampy anareo va?" Namaly androzy hozo: "Tsy nisy." ³⁶Le nivola tamin-drozy Ie hozo: "Fa zao, ze mana fipetsahan-jala, engao ie hangalaky zay, ndra kitapom-batsy avao koa. Ze tsy mana meso-bey le tokony hamarotsy ty sikiny sady hivily raiky." ³⁷Fa Zaho mivola aminareo, ze voasoratsy mikasiky Ahy le tsy maintsy tanteraky: 'Ie ro nirambesiny manahaky ty raiky amy tsy manara-dala rey.' Fa ze nivolaniny aloha mikasiky Ahy le fa ho tanteraky" ³⁸Le nivola rozy hozo: "Tompo, henteo! Ndreto misy meso-bey roe." Ie nivola tamin-drozy hozo: "Ampy zay." ³⁹Tafara ty hany, le nandeha Jesosy, manahaky ty fanoviny san'andro, tam-bohitsy Oliva any, sady nanoriky Androzy mpianatsy. ⁴⁰Lafa avy ndrozy, le hoy Ie tamin-drozy: "Mivavaha mba tsy hiliaranareo amy ty fangalam-panahy." ⁴¹Niala tamin-drozy eo teo ho eo amy ty indraiky mitora-bato Ie, le nandohaliky Ie sady nivavaky, ⁴²nanao hozo: "Njanahary e, laha enkenao, le alao amiko kapoaky toy. Ndra zay aza tsy ty enkeko, fa ty ahy Nao ro hanovy". ⁴³nisy anjely baka an-danotsy any niboaky taminy. nampahery Azy. ⁴⁴Tanay ty faharary ao, nivavaky tamin-kafanam-po mare vatany Ie, sady ty lintsiny ro nanjary manahaky ty lio nitete tamy ty tahy ⁴⁵Sady lafa baka nivavaky Ie ke nitsanga, le nana amy ty mpiabatsy any, sady nahita androzy niroro noho ty alahelon-drozy, ⁴⁶ka le nanontany androzy hozo: "Nanino ro miroro nareo? Mitsangana sady mivavaha, mba tsy hiliaranareo amy ty fangalam-panahy." ⁴⁷Laha mbo nivola Ie, ingo, nisy olo lako niboaky, jiaraky tamy i Jodasy, raiky amy folo roa amby rey, nitariky androzy. Nanenky an'i

jesosy ie mba hanoroky Azy, ⁴⁸fa Jesosy nivola taminy hozao: "Jodasy, mamitaky ty Anak'Olo amy ty oroky va iha?"⁴⁹Lafa nahita ty raha-nitsanga ze niodidy an'i Jesosy rey, le nivola ndrozy hozao: "Tompo, tokony hamango amy ty meso-bey va zahay?"⁵⁰Bakeo ty raiky tamin-drozy namango ty mpiasa fy mpisorobey, sady nanapaky ty sofiny havana. ⁵¹Jesosy nivola hozao: "Ampy zay!" Nikasihiny ty sofiny, sady nafahany ie. ⁵²Jesosy nivola tamy ty mpitariky ty mpisoro, tamy kapiteny ty egilizy rey, sady tamy olo-bey ze niavy hanohitsy Azy rey hozao: "Niavy manahaky ty hanambotsy mpangalatsy va nareo, miaraky amy ty meso-bey noho langilangy?" ⁵³Tamy Zaho niaraky taminareo isan'andro tan-degilizy ao, tsy nanambotsy Ahy nareo. Fa zao ro lernareo, noho ty fahefa ty haiky. ⁵⁴Tam-panambora Azy eo, le nitarihin-drozy Ie, sady nandesin-drozy tan-tsano ty mpisorobey any. Fa Petera nanoriky baka lavidavitsy eny. ⁵⁵Lafa baka nampirehitsy afo tanivo ty tokontany eo sady niara-jipetsaky ndrozy, le nipetsaky fanivon-drozy eo Petera. ⁵⁶Nisy mpanompo ampela raiky nahita azy laha nipetsaky tamy ty fahazava ty afo eo ie, sady nanenty mahity azy noho nivola hozao: "Lahilahy toy koa niaraky taminy." ⁵⁷Fa Petera nandà zaym nivola hozao: "Ampela, tsy haiko Ie." ⁵⁸Afaky kelikely le nisy olo hafa nahita azy, sady nivola hozao: "Iha koa miharo amin-drozy." Fa Petera nivola hozao: "Lahilahy, tsy ie zaho." ⁵⁹Lafa avy adiny daiky teo ho eo le nisy lahilahy hafa nanizingizy noho nivola hozao: "Marina fa niaraky taminy koa lahilahy toy, fa ie ro Galiliana." ⁶⁰Fa Petera nivola hozao: "Lahilahy, tsy haiko ze volaninao." Teo noho eo, laha mbo nivola ie, le nisy akoho naneno. ⁶¹Niheriky, ty Tompo nanenty an'I Petera, sady Petera nahatiaro ty safa ty Tompo, tamy ty safany taminy Ie hozao: "Aloha ty hanenao ty akoho henanikio le handà Ahy intelo iha." ⁶²Niboaky tambaliky any petera sady nitany mare. ⁶³Sady lahilahy niemby an'i Jesosy rey ro nisomonga sady namango Azy. ⁶⁴Nasian-drozy saro Ie sady nanontany Azy ndrozy, nivola hozao: "Mananova to-resaky! Ia azy olo ze mamango Anao rey iny?" ⁶⁵Nivola raha hafa lako hanohitsy an'i Jesosy ndrozy, nivola raty Azy. ⁶⁶Laha vo nazava ty andro, le niaraky-nivory olo-bey rey, ty pitariky ty mpisoro noho ty mpanora-dalà. Nandesin-drozy tamy ty Synedriona any Ie⁶⁷ sady nivola hozao: "Laha Iha ro Kristy, le volano aminay." Fa Ie nivola tamin-drozy hozao: "Laha ho volaniko aminareo, le tsy hino nareo", ⁶⁸sady laha hanontany anareo Zaho, le tsy hamaly nareo. ⁶⁹Fa manomboky zao, ty Anak'Olo ro hipetsaky an-tana ankavana ty herin-Janahary eo." ⁷⁰Rozy iaby nivola hozao: "Le Anan-Janahary zay Iha?" Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Voavolanareo fa Zaho ro Ie." ⁷¹Ndrozy nivola hozao: "Nanino ro mbo mila vavolombelo tsika? Fa tsika mihintsy ro nanoro baka amy ty vavany."

Chapter 23

¹itsanga ty olo iaby tamin-drozy, sady nanday an'i Jesosy taloha i Pilato eo. ²Nanomboky nahazo Azy ndrozy, nivola hozo: "Hotanay lahilahy nanivativa ty firenenay toy, nandrara ty hanomeza ty haba ho an'i Kaisara, sady nivola fa le vatany mihintsy ro Kristy, mpnjaka." ³Pilato nanontsny Azy, nivola hozo: "Iha va ro mpanjaka ty Jiosy?" Jesosy namaly azy sady novola hozo: "Voavolanao." ⁴Pilato nivola tamy pitariky ty mpisoro noho olo lako rey hozo: "Tsy mahita fahadisoa amy lahilahy toy zaho." ⁵Fa mbo nanizingizy rozy, nivola hozo: "Manakoronta ty olo lako io, mampianatsy era ty Jodia iaby, manomboky baka Galilia any ndra zisiky amy toera toy etoy aza." ⁶Ka lafa re i Pilato zay, le nanontany ie laha hohatsy ka le Galiliana lahilahy iny. ⁷Lafa hitany fa tambany fahefa i Heroda ao le, le nalefany Jesosy nana amy i Heroda any, ze ta Jerosalema any avao koa tamy andro zay. ⁸Lafa hita i Heroda Jesosy, le tena falifaly ie, safe fa te-hahita Azy fa ela. Nahare ty mikasiky Azy ie sady nanantena ty hahita hatsereha lako nanoviny. ⁹Heroda nametsa-fanontanea an'i Jesosy tamy ty safa lako, fe Jesosy tey namaly ndra ino ndra ino azy. ¹⁰Pitariky ty mpisoro rey noho mpanora-dalà nitsanga, nahazo Azy mare. ¹¹Heroda noho maramilany nanivativa an'i Jesosy rey sady nikizaky Azy. Bakeo levnampisalo tey Azy siky soa tarehy ndrozy sady nalefan-drozy nimpoly tamy i Pilato any le. ¹²Fa i Heroda noho Pilato le nanjary mpinama tamy ty andro io (taloha zay le mpifahavalo ndrozy). ¹³Bakeo Pilato nikaiky pitariky ty mpisoro noho mpanapaky rey sady olo lako mare niadaky rey, ¹⁴sady nivola tamin-drozy hozo: "Nandesinareo tamiko teto lahilahy manahaky ty lahilahy ze mitariky ty olo hanao raty toy, sady henteo, zaho, laha nametsa-fanontanea taminy talohanareo eo, le tsy mahita hadisoa amy lahilahy mikasiky raha ze hampahazoanareo Azy toy." ¹⁵Aha, ndra le Heroda aza, safe nalafany nimpoly tamintsika atoy le, sady Henteo, tsy misy ndra ino ndra ino ze maeva fahafatesa vitany. ¹⁶Laha zay le ho saziko le, sady habototsiko le." ¹⁷¹⁸Fa niara-nikoraky mare ndrozy, nanao hozo: "Andeso any lahilahy io, sady abotoro ho ahy nay Barabasy!" ¹⁹Barabasy ro lahilahy raiky ze nailitsy an-gadra noho ty fiharoa lako tan-tanà ao noho famonoa olo. ²⁰Sady nivola tamin-drozy ndraiky Pilato, naniry ty hamototsy an'i Jesosy. ²¹Fe nikorakoraky mare ndrozy, nivola hozo: "Ahantono le, ahantono le." ²²Nivola tamin-drozy fanintelony ie hozo: "Nanino, fa ino ro raty vita lahilahy toy? Tsy nahita ndra ino ndra ino ze maeva sazy famonoa taminy ao zaho. Laha zay lafa baka manasazy Azy, le hamototsy Azy zaho." ²³Fa rozy nanizingizy tamy ty feo abo, nangataky Azy mba hahanto. Ty feon-drozy le nandresy lahatsy an'i Pilato. ²⁴Ka le nanapa-kevitsy ty hanenky ty fangatahan-drozy Pilato. ²⁵Nabototsiny azy raiky nangafahan-drozy ze nalefa tan-gadra any ino noho ty fiharoa noho famonoa olo. Fa nameany ho amy ty sitsapon-drozy Jesosy. ²⁶Sady tam-pandaisa Azy eo ndrozy, le nitandraky an'i Simona baka Syrenia any, ze baka ambanivohitsy any, sady napetsan-drozy taminy eo ty hazofijalea mba handesiny, nanoriky an'i Jesosy. ²⁷Lako tamy olo lako rey, noho ampela ze nahaferinay mare rey noho nisaona Azy, ro nanoriky Azy. ²⁸Fa lafa nitoliky tamin-drozy any, nivola Jesosy hozo: "anak'ampela i Jerosalema, ka mitany Ahy, fa mitany ho ahy ty vatanareo noho ho ahy ananareo rey." ²⁹Fa ingo, hoa avy ty andro ty hivolanana-drozy hozo: 'Sambatsy rey mikasiky noho sarotso ze tsy niteraky, sady ty nono ze tsy nampinono aja.' ³⁰Sady le hanomboky hivola amy vohitsy rey ndrozy hozo: 'Milavoa aminay,' sady amy ty vohitsy hozo: 'Manarona anay.' ³¹Fa laha manao raha zay ndrozy lafa mbo maintso ty hazo, ino ro hitsanga lafa maiky zay?" ³²Nisy lahilahy hafa, olo-raty roe, nandesy niaraky taminy mba ho vonoe. ³³Pafa avy tamy ty toera raiky ze kaihny rey hoe "Ikadandoha" ndrozy, le teo ro nampihantonana-drozy Azy, noho olo raty rey - ty raiky tamy ty ankavanany eosady ty raiky tamy ty ankaviany eo. ³⁴Jesosy nivola hozo: "Njanahary e, manenga abdrozy, fa tsy hain-drozy ze anoviny." Bakeo le niloka ndrozy, nizarazara fisalorany rey. ³⁵Le nitsanga nanenty teo olo rey laha mbo nananinany Azy koa mpanapaky rey, nivola hozo: "Namonjy hafa rey le. Engao le hamonjy ty vatany, laha le ro Kristin-Janahary, azy raiky votingy iny." ³⁶Maramila rey avao koa ro nangala-baraka Azy, namonjy Azy, nanome Azy vinegra, ³⁷sady nivola hozo: "Laha Iha ro mpanjaka ty Jiosy, vonjeo ty vatanao." ³⁸Nisy fahaiza avao koa tanabony eo hozo: "Toy ro mpanjaka i Jiosy." ³⁹Ty raiky tamy olo-raty ze mihanto trey teo ro naminavinga Azy tamy ty nivolanany hozo: "Tsy iha va ro Kristy? Vonjeo ty vatanao noho zahay." ⁴⁰Fa ty raiky nivola mare azy, nanao hozo: sy mba matahotsy an-Janahary va iha, laha samby ambaniny ty fanasazia mitovy avao? ⁴¹Tsika ro ara-drariny eto vatany, safe mandramby ze maeva ty asatsika tsika. Fa lahilahy toy tsy nanao raha raty." ⁴²Bakeo ie nivola hozo: "Jesosy ô, tiarovy zaho lafa avy amy ty fanjakananao any Iha." ⁴³Jesosy nivola taminy hozo: "Volaniko aminao marina, fa henanikio iha le hiaraky amiko a-paradisa any." ⁴⁴dy lera faha-eny teo no ho eo tamy zay, sady ty haiky baka nandrakotsy ty tany iaby zisiky amy ty lera faha sivy ⁴⁵laha niha maiky ty hazava ty masondro. Bakeo ty siky ty egilizy ro nizara baka anivony eo. ⁴⁶Nikoraky tamy ty feo mare, Jesosy nivola hozo: "Njanahary ô, an-tananao eo ro ametsahako ty fanahiko." Lafa baka nivola zay, le maty le. ⁴⁷Lafa hita kapiteny iny ty raha nisaho, le nanome voninahitsy an-Janahary ie, nivola hozo: "Azo antoky vatany fa olo-marina lahilahy toy." ⁴⁸Lafa hita olo lako iaby ze niaraky-avy ho vavolombelo nanatsi-maso raha niseho rey, le nimpoly nipaiky-tsatsa ndrozy.

⁴⁹Fa iaby ze nahag Azy rey, noho ampela ze nanoriky Azy baka Galilia any rey, le nitsanga ta-lavidavitsy eny, nanenty raha zay. ⁵⁰Sady ingo, nisy lahilahy raiky kaihe hoe Josefa, ze mpiharo tamy ty Synedriona ao. Olo soa sady marina ie. ⁵¹Lahilahy io ro tsy nanenky ty fanapahan-kevitsy ty Synedriona noho ty asan-drozy. Baka amy ty tanà ty Jodiana any ta Armatia any ie; sady ie ro naniry ty fanjakan-Janahary. ⁵²Lahilahy io, laha namonjy an'i Pilato, le nangataky ty vata i Jesosy. ⁵³Nalany nijotso zay, nirakofany hariry maliniky, sady napetsany tanay lolo raiky ao ze nivaky tamy ty lafiam-bato, ze tsy mbo nisy olo nalevy mihintsy. ⁵⁴Andro ty Fiomana tamy zay, sady mbo nazava raty ty Sabata. ⁵⁵Ampela rey, ze niaraky tamy i Jesosy niala ta Galilia ao, le nanoriky baka afara ao sady nahita ty lolo noho ty fomba nametsaha ty fatiny. ⁵⁶Nimpoly ndrozy, sady nanoma raha-manitsy noho menaky manitsy. Sady tamy ty sabata ro nijano abdrozy manahaky ty lily.

Chapter 24

¹Vo maray tamy ty abdro veloha ty herin'andro, le nana amy ty lolo ndrozy any, nanday raha-manitsy ze nikarajaran-drozy rey. ²Hitan-drozy niodaky lavitsy ty lolo vato iny. ³Nilitsy tao ndrozy, nefa tsy nahita ty vata ty Tompo Jesosy. ⁴Sady, laha mbo sahiran-tsany mikasiky zay ndrozy, tampoky eo, le nisy lahilahy roe nanao fisikina mipiriaky nitsanga tanila rey eo. ⁵Sady lafa feo tahotsy ampela rey ro nandohaliky tamy ty tany, nivola tamy ampela rey ndrozy hozao: "Nanino nareo ro mila ty velo amy ty maty atoy?" ⁶Tsy ato ie, fa natsanga! Tiarovo ty nambarany anareo tamy le mbo ta Galilia any, ⁷nanambara fa ty Anak'Olo ro tsy maintsy hamea ho an-tana ty olo mpanota eo ka le hofantsihy amy ty hazo fijalea eo, sady amy ty andro fahatelo ro hitsangana ndraiky. ⁸Ampela rey ro nahatiaro safany rey, ⁹ka le nimpoly baka amy ty lolo any sady nivola raha iaby zay tamy folo raiky amby noho ty ambiny iaby. ¹⁰Sady Maria Magdalena, Johana, Maria reny i Jakoba, sady ampela hafa niaraky taminy rey ro nanesy raha zay tamy apostoly rey. ¹¹Fa hafatsy zay ro manahaky ty tsy nisy eikany tamy apostoly rey, ka le tey nino ampela rey ndrozy. ¹²Nefa nitsanga Petera, le nilay nana amy ty lolo eny, sady niondriky noho nanenty tao, le nahita sikim-paty nitoka rey. Sady Petera noly tan-tsanony any, nanontany vata ty amy ze raha niseho. ¹³Ndreo, ty roe tamin-drozy nandeha tamy andro io ho amy ty tanà anovy hoe Emaosy any, ze enimpolo stadio miala ahy ty Jerosalema. ¹⁴Ndrozy ro nifampiresaky mikasiky raha iaby ze niseho rey. ¹⁵Sady, laha niara-niresaky noho niara-nametsaky-fanontanea ndrozy, le namonjy noho nandeha niadaky tamin-drozy Jesosy. ¹⁶Fa ty mason-drozy ro nisakana mba tsy hahay Azy. ¹⁷Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Ino ro resahinareo roe amy lala etoy?" Le nijano ndrozy sady nalahelo endriky. ¹⁸Ty raiky tamin-drozy, nikaihe hoe Kleopasy, namaly Azy hozao: "Iha raiky va ro olo ta Jerosalema ao tsy nahay raha-niseho rey tamy andro zay any?" ¹⁹Jesosy nivola tam8n-drozy hozao: "Raha ino?" Ndrozy namaly Azy hozao: "Raha mikasiky an'i Jesosy azy Nazarena rey iny, ze to-resaky, nahery tamy ty asa noho ty olo iaby, ²⁰sady ty fomba nanomeza ty pitariky ty mpisoro rey noho mpanapaky Azy rey mba ho sazie ho maty noho ty nanantona Azy tamy ty hazofijalea eo. ²¹Nefa zahay nanantena fa le ro hanafaky Israely iny. Eka, sady ankoatsy zay iaby, telo andro androany zao ro nitsangana raha iaby zay. ²²Nefa koa, ty ampela ilany tamy ty namany le natseriky anay, ze tamy ty lolo any vo maray. ²³Lafa tsy nahita ty vatany ndrozy, le taminy, nivola fa ndrozy koa ro nahita fahita anjely ze nivola fa velo le. ²⁴Ty lahilahy ilany ze niaraky taminay ro nandeha tamy ty lolo any, sady nahita zay manahaky ze voavola ampela rey Fe tsy nahita Azy ndrozy. ²⁵Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Lahilahy adala noho votsa say vo mino iaby voavola ty olo to-resaky rey! ²⁶Moa va tsy ho ahy i Kristy ty nitako tamy raha reny, ka le hilitry amy ty voninahiny any?" ²⁷Sady nanomboky tamy i Mosesy ka le zisiky amy olo to-resaky iaby rey any, ro nadika i Jesosy tamin-drozy amy ty Soratsy Masy ao ty mikasiky ty Vatany. ²⁸Lafa nanenky azy tanà ze nandehanany iny ndrozy, le nanoro fihetsiky manahaky ty hoe handeha lavidavitsy Jesosy. ²⁹Fa nanery Azy ndrozy, nivola hozao: "Mijanona aminay eto, fa ho hariva zao sady fa ho tampitsy ty andro." Ka nilitsy mba hijano niaraky tamin-drozy Jesosy. ³⁰Sady, lafa nipetsaky mba hiaraky hihina tamin-drozy le, le nangalaky ty mofo, nisaotsy zay, noho namaky zay, sady nanome zay androzy. ³¹Bakeo nivoha ty mason-drozy, ka le nahay Azy, sady nandrava tamason-drozy eo le. ³²Ndrozy nifampovola hozao: "Moa va ty fontsika tsy nanompo tanain-tsika ao, laha namoha ty Soratsy Masy tamintsika le?" ³³Nitsanga ndrozy tamy lera io, ka le nimpoly ta Jerosalema any. Nahita ty folo raiky amby rey niaraky-nivory rozy, noho ze niaraky tamin-drozy rey, ³⁴nivola hozai: "Ty Tompo ro nitsanga vatany, sady niboaky tamy i Simona." ³⁵Ka le nivolanin-drozy ze raha niseho tandala eny, noho ty tomba nisehoa i Jesosy tamin-drozy tamy ty fanapaha mofo iny. ³⁶Lafa nivola raha zay rozy le nitsanga tanivon-drozy eo Jesosy vatany, sady nivola tamin-drozy hozao: "Fiadana lahy ho ahy nareo." ³⁷Fe taitsy noho natahotsy ndrozy, sady nihevitsy fa nahita fanahy, ³⁸Jesosy nivola tamin-drozy hozao: "Nanino nareo ro matahotsy? Nanino ro misy fanontanea am-ponareo ao?" ³⁹Hentro ty tanako noho ty tomboko, fa Zaho vatako toy. Kasiho Zaho ka le henteo. Fa ty fanahy tsy mana nofotsy noho taola, manahaky ty ahitanareo Ahy hoe mana." ⁴⁰Lafa nivola zay le, le nasehony tamin-drozy ty tanany noho ty tombony. ⁴¹Mbo tsy nino zay ndrozy noho ty hafalea, sady tseriky ndrozy. Jesosy nivola androzy hozao: "Mana raha hohany va nareo?" ⁴²Namean-drozy fia vita lisa ie, ⁴³ka le nalany zay sady nihaniny talohan-drozy eo. ⁴⁴le nivola tamin-drozy hozao: "Tamy Zaho niaraky taminareo, le nivola taminareo fa ze iaby voasoratsy tamy ty lalà i Mosesy noho olo to-resaky rey ao sady Salamo rey ro tsy maintsy ho tanteraky." ⁴⁵Sady nivohany ty sain-drozy, mba tandrahan-drozy ty Soratsy Masy. ⁴⁶Nivola androzy le hozao: "Zao ro voasoratsy, fa Kristy iny ro hijaly, sady hitsanga amy maty ndraiky amy ty andro fahatelo. ⁴⁷Fibebaha noho fanengan-keloky ro tokony ho torie amy ty anarany amy ty firenea iaby any, manomboky a-Jersalema ao. ⁴⁸Nareo ro vavolombelo raha reny. ⁴⁹Ingo, halefako aminareo ze nampanantena ty Babako. Nefa mipetsaky an-tanà ao zisiky-pisikinana-reo ty hery baka anabo any." ⁵⁰Sady Jesosy nitariky androzy zisiky-iavian-drozy ta Betania any. Nasondrony ty tanany, sady nitahiny ndrozy. ⁵¹Sady, lafa nitsipi-rano androzy

Ie, le niala androzy Ie sady nanjary nampiakary tan-danitsy any.⁵² Le nanompo Azy ndrozy, sady nimpoly ta Jerosalema any tany ty fifalea bevata.⁵³ Nitohy nana amy ty egilizy ao ndrozy, nandrengy an-Janahary.

John

Chapter 1

¹Tamy velohany ty Safa, sady ty Safa tamin-Janahary ao, sady ty Safa ro Njanahary. ²Zay ro tamin-Janahary ao tamy velohany. ³Ty raha iaby ke baka Aminy iaby, sady laha tsy noho Ie le tsy nisy ndra ino ndra ino. ⁴Laha Ie ro nisiam-piaina, sady fiaina io ro fahazava ty olo iaby. ⁵Ty hazava ro mipiriaky anay haiky ao, sady ty haiky tsy nandesy zay. ⁶Nisy lahilahy raiky nirahin-Janahary, Jaona ro anarany. ⁷Niavy ie mba ho vavolombelo hanambara ty mikasiky ty fahazava, mba hinoa ty iaby amy ty alalany. ⁸Tsy Jaona azy fahazava iny, fa koa niavy mba hanambara tymikasiky azy fahazava iny ie. ⁹Ty fahazava marina, ze manome hazava ty olo iaby, ro avy amy ty tany toy eto. ¹⁰Tamy ty tany iaby toy eto Ie, sady Ie ro nihare amy ty tany iaby toy, sady ty tany iaby toy tsy nahay Azy. ¹¹Niavy tany ty olony any Ie, sady ty olony tsy nandramby Azy. ¹²Fa lako ndramby Azy rey, ze nino ty anarany, le nameany fahefa ho avy anan-Janahary. ¹³Rey ro tsy nateraky tany ty lio, ndra ty sitsapo ty nofotsy, ndra ty sitsapo ty olo, fa ty an-Janahary. ¹⁴Sady ty Safa nanjary nofotsy ka le nipetsaky tamintsika eo. Hitanay ty voninahitsiny, voninahitsy manahaky azy raiky noho toka ze avy baka amy ty Njanahary iny, atsiky fahasoava noho fahamarina. ¹⁵Jaona nanambara ty mikasiky Azy ka le nikoraky mare, manao hozo: "Ie raiky ze fa nivolaniko hozo: 'Ie ze avy afarako le bevata noho zaho, safe talohako Ie.'" ¹⁶Fa baka amy ty fanatsehany ro nandrambesantsika iaby fahasoava hanampy fahasoava. ¹⁷Fa ty lalà ro namea tany ty alala i Mosesy. Ty fahasoava noho fahamarina ro avy tany ty alala i Jesosy Kristy. ¹⁸Tsy nisy nahita an-Janahary ndra ombia ndra ombia. Fa azy Njanahary raiky noho toka iny, ze antsatsa azy Njanahary iny eo, ro nampahay Azy. ¹⁹Sady zao ro fanambara i Jaona lafa naniraky mpisoro rey noho Levita baka Jerosalema any hana aminy eo Jiosy rey mba hanontany azy hozo: "Ia moa iha?" ²⁰Nivola ie, sady tsy nandà, fa namly hozo: "Tsy kristy zaho." ²¹Ka le nanontany azy ndrozy hozo: "Ino sady iha zay? Elia va iha!" Nivola ie hozo: "Tsy ie zaho" Hoan-drozy hozo: "Iha va azy to-resaky iny?" Namaly ie hozo: "Aha". ²²Bakeo ndrozy nivola taminy hozo: "Ia iha, mba afahany manome valin-tsafa an'i ze naniraky anay rey? Ino ro hambaranao mikasiky ty vatanao?" ²³Hoasan-drozy hozo: "Zao azy atsiky iny, mikaiky mare ambaliky any hozo: 'Anovo mahity ty lala ty tompo,' manahaky ty voavolan'Isaia to-resaky." ²⁴Sady nisy iraky ilany baka amy fariseo rey nalefa, ²⁵sady nanontany azy ndrozy ka le nivola taminy hozo: "Nanino moa iha ro manao batisa laha tsy Kristy iha ro sady tsy Elia ro tsy azy to-resaky iny?" ²⁶Sady Jaona namaly androzy, manao hozo: "Manao batisa amy ty rano zaho. Fa anivonareo eo ro misy olo raiky mitsanga ze tsy hainareo. ²⁷Ie azy raiky ze avy baka afarako ao iny, ze tsy maeva ahy ty hamaha ty fehi-kapany." ²⁸Raha rey ro nanovy ta Betania any tany sisiny i Jordana any, ze nanova i Jaona batisa. ²⁹Lafa maray iny Jaona le nahita an'i Jesosy namonjy azy sady nivola hozo: "Hentao, ingo ty anak'aondrin-Janahary ze nangalaky ty fahota ty tany iaby toy! ³⁰Azy lahilahy raiky ze nivolaniko toy hozo: 'Azy raiky ze avy baka afarako ao iny le bevata noho zaho, safe talohako Ie.'" ³¹Sady zaho tsy nahay Azy, fa mba ho voavola amin'Israely ie ro niaviako hanao batisa amy ty rano. ³²Jaona nanambara, manao hozo: "Nahita ty Fanahy nijotso baka an-danitsy any manahaky ty pizon zaho, sady nipetsaky tanabony eo zay. ³³Tsy nahay Azy zaho, fa Ie ze naniraky ahy hanao batisa amy ty rano nivola tamiko hozo: 'Anabo ze hotanao hijotso ty Fanahy eo noho hipetsahany aminy eo, ie azy raiky ze manao batisa amy ty Fanahy Masy ihy eo.'" ³⁴Sady nahita zaho ro nanambara fa ie azy Anan-Janahary iny. ³⁵Lafa maray iny, ndraiky, laha nitsanga niaraky tany ty roe amy mpianatsiny rey Jaona, ³⁶Ie nahita an'i Jesosy nandeha ndrozy, ka le hoy Jaona hozo: "Hentao, azy Anak'aondrin-Janahary iny!" ³⁷Nahare azy nivola zay mpianatsiny roe rey ka le nanoriky an'i Jesosy ndrozy. ³⁸Bakeo Jesosy nitoliky ka le nahita drozy nanoriky Azy nivola androzy hozo: "Ino ro ilanareo?" Namaly hozo: "Raby (ze midika hoe mpampianatsy), aia Iha ro mipetsaky?" ³⁹Namaly androzy Ie hozo: "Mamonjea sady hentao." Sady namonjy androzy ka le nahita ty toera ze nameany; nipetsaky niaraky Taminy tao ndrozy tany andro io, fa tokony fa ho lera fahafolo tany zay. ⁴⁰Raiky tany mpianatsy roe nahare an'i Jaona nivola rey sady nanoriky an'i Jesosy bakeo i Andrea, rahalahy i Simona Petera. ⁴¹Nila an'i Simona rahalahiny aloha ie sady nivola taminy hozo: "Hitanay ty Mesia" (ze adika hoe Kristy) ⁴²Nanday azy tany i Jesosy any ie, sady nanenty azy Jesosy ka le nivola hozo: "Iha ro Simona ana i Jaona, iha ro ho kaihe hoe Kefasy" (ze midika hozo: Petera). ⁴³Lafa hamaray iny, laha te-hiala ho a-Galilia any Jesosy, le nahita an'i Filipo Ie sady nivola taminy hozo: "Manoriha Ahy." ⁴⁴Filipo ro baka betsahida any, tanà i Andrea noho Petera. ⁴⁵Nahita an'i Natanaela i Filipo ka le nivola taminy hozo: "Ie ze nisoraty i Mosesy tany ty lalà ao, noho olo to-resaky rey, hitanay Ie, le Jesosy anaky i Josefa, baka Nazareta any." ⁴⁶Natanaela nivola taminy hozo: "Moa hisy raha-soa baka Nazareta ao?" Filipo nivola taminy hozo: "Mamonjea sady hentao." ⁴⁷Jesosy nahita an'i Natanaela

namonjy azy sady nivola mikasikasiky azy rey hozao: "Henteo, zay ro tena isiraelita, ze tsy misy fitaky aminy ao!"
⁴⁸Natanaela nivola Taminy hozao: "Ino ro hahaizanao ahy?" Jesosy namaly ka le nivola taminy hozao: "Taloha ty nikaiha i Filipo anao, laha tambany hazon'aviavy eo iha, le hitako."⁴⁹Natanaela namaly hozao: "Raby, Iha azy anan-Janahary iny! Iha ro mpanjakan'Israely!"⁵⁰Jesosy namaly ka le nivola taminy hozao: "Safe va Zaho nivola taminao hozao: 'Nahita anao tambany ty hazon'aviavy eo Zaho,' ro hinoanao? Hahita raha soa mandilatsy noho zay iha." ⁵¹Bakeo le nivola hozao: "Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa hahita ty lanitsy hivoaha nareo, sady anjelin-Janahary rey hiakatsy noho hijotso anabo ty Anak'olo eo."

Chapter 2

¹Telo andro tafara ato, le nisy fangala-valy ta Kanà ao a-Galilia ao, sady tao ty reny i Jesosy. ²Jesosy noho mpianatsiny rey ro nanambarà tamy azy fangala-valy iny. ³Lafa lany ty divay, le nivola taminy ty reny i Jesosy hozo: "Tsy mana divay ndrozy." ⁴Sady hoy Jesosy taminy hozo: "Ampela, nanino iha ro mana amiko atoy? Mbo tsy avy ty fotoako." ⁵Le hoy th rdniny tamy mpiasa rey hozo: "Ndra ino ndra ino volaniny aminareo, le anovo zay." ⁶Sady nisy sihoa vato eny teo ze fampiasa amy ty andro fisasa ty Jiosy, mahazaka roe zisiky amy ty telo meza iaby. ⁷Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Atseho rano ty sihoa." Ka le natsehin-drozy zisiky amy ty soniny zay. ⁸Lafa bakeo le hoy Ie tamy mpiasa rey hozo: "Manovoza amy zay sady andeso amy ty tompon'andraikitsy any ty fokarakara." Ka le nitanterahan-drozy zay. ⁹Nanandrama ty tompon'andraikitsy ty fokarakara azy rano nanjary divay iny, nefa tsy nahay ze niavia zay ie (fa mpiasa ze nanoby ty rano rey koa nahay). Bakeo le nikaiky ty mpampiakatsy Ie ¹⁰sady nivola taminy hozo: "Ty olo iaby ro mandroso ty divay soa aloha ze vao ty divay moramora lafa mamamo ndrozy. Fa nareo koa nanajary ty divay soa zisiky amy zao." ¹¹Zay ro fahaiza velohany nanovy i Jesosy ta Kanà ao a-Galilia any, sady nanoro ty voninahitsiny Ie, ka le nino Azy mpianatsiny rey. ¹²Tafara zay le nijotso ho a-Kapernaomy any Jesosy, ty reniny, rahalahiny rey noho mpianatsiny rey sady nijano andro kelikely ao ndrozy. ¹³Sady fa mariny ty Pasky ty Jiosy, le niakatsy ta Jerosalema any Jesosy. ¹⁴Nahita mpamarotsy omby, aondry sady pizon tan-degilizy ao Ie, sady nipetsaky tao avao koa mpanolo jala rey. ¹⁵Laha zay le namboatsy karavasy ie ka le nandroaky azy oaby hiboaky ty egilizy, ndra ty aondry ndra aomby. Nandraraky ty vola mpanolo jala rey Ie sady namango ty latabatsin-drozy. ¹⁶Le hoy Ie tamy mpamarotsy pizon rey hozo: "Andeso miboaky lavitsy toera toy raha rey. Engao zay ty fanova ty tsano-Babako ho toeram-pamarota." ¹⁷Sady tiaro mpianatsiny rey fa voasoratsy hozo: "Ty siakiko ty amy ty tsanonao ro handrava ahy." ¹⁸Bakeo namaly lohandoha ty mpisoro Jiosy rey ka le taminy hozo: "Ino ro fahaiza ho atorona anay, mahavy anao manao raha reny?" ¹⁹Jesosy namaly hozo: "Ravao egilizy toy, fa ho hatsangako anay ty telo andro avao zay." ²⁰Sady hoy mpanapaky Jiosy rey hozo: "Efapolo enin'amby tao ro nanamboara egilizy toy, ka le ino va hahatsanga azy anay ty telo andro ao?" ²¹Nefa, mikasiky ty egilizy ty vatany ro niresahiny. ²²Tafara ty nitsangany tamy maty, le tiaro mpianatsiny rey fa nivola zay ie, sady nino ty Soratsy Masy noho safa nivolany i Jesosy zay ndrozy. ²³Sady lafa ta Jerosalema ao Ie tamy ty andro fifalefalea ty Paska, le lako ro nino ty anarany lafa nahita fahaiza ze nanoviny rey. ²⁴Fa Jesosy koa tsy natoky androzy noho Ie nahay soa azy iaby, ²⁵safe tsy nila ndra ia ndra ia hanambara aminy ty mikasiky ty olo Ie, noho Ie nahay ty anay olo ao.

Chapter 3

¹Sady nisy Fariseo raiky kaihe hoe Nikodemosy, mpitariky jiosy. ²Namonjy an'i Jesosy tamy ty andro haly lahilahy io sady nivola taminy hozo: "Raby, hainay fa mpampianatsy ze baka amin-Janahary Iha, safe tsy misy mahavita fahaiza anovinao rey laha tsy miaraky aminy Njanahary." ³"Le namaly azy Jesosy nanao hozo: " Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa laha tsy ateraky ndraiky ty olo, le tsy hahita ty fanjakan-Janahary ie." ⁴Nikodemosy nivola taminy hozo: "Amy ty fomba ino ro hahateraky ty olo raiky laha fa antitsy ie? Tsy afaky hilitry fanindroeny an-tsarotson-dreniny ao ie sady hateraky, sa va afaky?" ⁵Namaly Jesosy hozo: "Volaniko aminao marina, le marina vatany, fa laha tsy nateraky tamy ty rano noho ty fanahy ty anak'olo, le tsy afaky hilitry amy ty fanjakan-Janahary ao ie." ⁶Ze ateraky ty nofotsy ro nofotsy, sady ze ateraky ty Fanahy ro fanahy. ⁷Ka tseriky amy ze nivolaniko anao hozo: 'Tsy maintsy hateraky ndraiky nareo.' ⁸Ty tsioky mitsioky ndra iandra ia iriny; renao ty feony, fa tsyhainaoze niviny ndra ze andehanany. Manahaky zay iaby ze ateraky ty Fanahy." ⁹Namaly Nikodemosy ka le nivola taminy hozo: "Ino ty fomba hahanteantera raha zay?" ¹⁰Jesosy namaly ka le nivola taminy hozo: "Mpampianatsy an'Israely va iha, le mbo tsy azonao avao raha zay?" ¹¹Volaniko aminao, marina, le marina vatany, fa ze hainay ro resahinay, sady zahay manambara ze hitanay. Nefa mbo tsy manenky ty fanambaranay nareo. ¹²Laha nanambra taminareo ty raha tan-tany eto Zaho nefa tsy hinoanareo, amy ty fomba ino ro hinoanareo Ahy laha hitantara aminareo ty raha-misy an-danitsy any Zaho? ¹³Tsy nisy niakatsy an-danitsy any hafa-tsy Azy nijotso bakany iny, le Azy anan'olo iny zay. ¹⁴Sady manahaky ty nanondrota i Mosesy ty bibilava tambaliky any, ro tsy maintsy hanondrota ty Anan'olo, ¹⁵mba hana fiaina zisiky farany ze iaby mino Azy. ¹⁶Fa tena tean-Janahary ty tany iaby toy, ka le nameany ty anakilahiny toka, mba tsy ho tsobo ze iaby mino Azy fa hana ty fiaina zusiky farany. ¹⁷Fa Njanahary tsy naniraky azy Anakilahy iny ho amy ty tany iaby toy mba hanasazia ty tany iaby toy, fa mba hamonjy ty tany iaby toy amy th alalany. ¹⁸Ze mino Azy le tsy hosazie, fa ze tsy mino koa le fa voasazy sahady safe tsy nino ty anara azy Anakilahy raiky iny noho tokan-Janahary. ¹⁹Zao ro anto ty fitsarà: avy tamy ty tany iaby toy eto ty fahazava, nefa le alea ty olombelo ty haiky manahaky ze ty mazava safe raty asa nanoviny. ²⁰Fa ze iaby manao raty le malay th mazava sady tsy manontany zay mba tsy ho hita mibaribary asany rey. ²¹Nefa, ze manao ty marina ro mamonjy ty mazava mba ho hita soa va asany rey ro nanovy manahaky Njanahary. ²²Tafara zay, le nandeha ta jodia any Jesosy noho ty mpianatsiny rey. ipetsaky fotoa kelikely ao niaraky tamin-drozy le sady nanao batisa. ²³Sady Jaona koa nanao batisa ta Ainona anila i Seleima any satsia lako ty rano tany. Namonjy azy ty olo lako sady nanovy batisa, ²⁴fa tsy mbo nalefa an-tsano maiky any Jaona. ²⁵Bakeo nisy fifamalea tamy ty ilany amy mpianatsy i Jaona rey noho Jiosy raiky mikasiky th ndro fisasa. ²⁶Namonjy an'i Jaona ndrozy ka le nivola taminy hozo: "Raby, Azy raiky niadaky taminao tamy sisiny ty renirano i Jordana any, ze nambaranao, ingo, manao batisa ie, sady mamonjy azy iaby ie iaby." ²⁷Sady Jaona namaly hozo: "Tsy afaky mandramby ndra ino ndra ino ty olo raiky laha tsy namea azy baka an-danitsy any zay. ²⁸Nareo avao ro fa afaky ty vavolombelo amy ty volaniko hozo: 'Tsy azy Kristy zaho,' fa koa: 'Nirahy mtalohany.'" ²⁹Ty ampiakary ro ahy ty mpampoakatsy. Sady ty nama ty mpampiakatsy, ze mitsanga noho mijanjy azy, le mifaly bibiky noho ty amy ty fahereza ty feo ty mpampiakatsy. Zay, sady, ro manatsiky ty hafaleako. ³⁰Tsy maintsy mitombo Ie, fa zaho koa tsy maintsy mihena. ³¹Ie ze baka anabo any ro anabo ty raha-Iaby. Ie ze baka an-tany eto le baka an-tany eto sady miresaky mikasiky ty an-tany eto. Ze baka an-danitsy any le anabo ty raha-iaby. ³²Ie ro manambara ty mikasiky ze hitany noho reny, nefa le tsy misy mandramby ty fanambaranay. ³³Ze nandramby ty fanambaranay koa ro nampahery fa marina Njanahary. ³⁴Fa azy raiky nirahin-Janahary iny le mivola ty safan-Janahary. Safe tsy nasiany farany ty fanomeza ty Fanahy. ³⁵Ty Njanahary tea azy anakilahy nametsaky ty raha-iaby tampelan-tanany eo. ³⁶Ze mino azy Anakilahy le mana ty fiaina zisiky farany, fa ze tsy manenky azy anakilahy iny koa le tsy hahita fiaina, fa hipetsaha ty helokin-Janahary."

Chapter 4

¹Sady lafa hay i Jesosy hoe re Fariseo rey fa nahazo noho nanao batisa mpianatsy laKo rey noho Jaona Ie² (ndra le tsy Jesosy vatany aza ro nanao batisa, fa mpianatsiny rey), ³le niala ta Jodia ao Ie sady nimpoly nana Galilia any ndraiky.⁴Fa ilany ty mamakivaky an'i Samaria. ⁵Ka le avy tany ty tanà raiky ao a-Samaria Ie, kaihy hoe Sykara, anila azy ampahan-tany ze namea i Jakoba an'i Josefa anany.⁶Teo azy fantsaka i Jakoba iny. Nahatiaro vozaky tany ty liany Jesosy ka le nipetsaky tany a_ fantsaka iny eo. Tokony tany ty lera faha eny eo. ⁷Nisy ampela samaritana raiky avy hantsaka rano, kable hoy Jesosy taminy hozo: "Mba ameo rano Zaho hinomiko." ⁸Fa mpianatsiny rey fa nandeha an-tanà any mba hivily hany.⁹Bakeo hoy azy ampela samaritana iny taminy hozo: "Manino iha, ze Jiosy, ro mangataky amiko, ze ampela samaritana, rano hinomy?" Fa Jiosy rey tsy misy hifandrampesa amy ty Samaritana.¹⁰Fa Jesosy namaly ka le nanao taminy hozo: "Laha hainao ty fanomezan-Janahary, noho ze mivola aminao hozo: 'Ameo zaho hinomiko,' le iha ndraiky ro hangataky taminy, ka le ameanany rano velo." ¹¹Hoy azy ampela iny taminy hozo: "Tompoko, Iha ro tsy mana fanobiza sady ty fantsaka laliky. Ka le aia ro hahazoanao rano velo? ¹²Iha ro tsy bevata, moa va, noho Jakoba razambentsika, ze nanome anay ty fantsaka noho nino tany zay ty vatany, manahaky ty nanovy anany rey noho bibiny rey?"¹³Jesosy namaly ka le nanao taminy hozo: "Ze iaby mino amy rano toy le mbo te hino ndraiky, ¹⁴fa ndra ia ndra ia mino amy rano ze hameako azy le tsy te hino zisiky farany. Fa koa, ty rano ze hameako azy le hanjary loharano miboiboiky anainy ao, ze manday amy ty fiaina zisiky farany any." ¹⁵Hoy ty ampela taminy hozo: "Tompoko, ameo rano zay zaho mba tsy te hino noho hanjary hantsaka sasy eto." ¹⁶Hoy Jesosy tany ty ampela hozo: "Mandehana, kaiho ty valinao, le mimpolia atoy." ¹⁷Namaly azy ampela iny ka le nivola taminy hozo: "Tsy nanambaly zaho." Namaly Jesosy hozo: " Marina ty voavolanao hozo: 'Tsy manambaly zaho,' ¹⁸fa nanambaly andimy iha, sady azy raiky ze hipetsahanao amy zao iny ro tsy mbo valinao. Marina ze voavolanao." ¹⁹Hoy ty ampela taminy hozo: "Tompoko, hitako fa olo to-resaky Iha. ²⁰Razantsika rey nivavakt tany vohitsy toy eto, nefa nareo manambara fa Jerosalema ro toera tokony hivavaha ty olo." ²¹Hoy Jesosy taminy hozo: "Minoa Ahy, ty ampela, fa ho avy ty andro ze hanompoanareo Njanahary toy ro tsy a-Jerosalema any. ²²Fa nareo mandohaliky amy ze tsy hainareo. Zahay koabmandohaliky amy ze hainay, safe ty famonjea ro baka amy Jiosy rey." ²³Nefa, ho avy ty andro, sady avy amy zao, lafa hanompo Njanahary amy ty fanahy noho fahamarina tena mpivavaky rey, safe Njanahary ro mila olo manahaky zay ho mpanompo Azy. ²⁴Njanahary ro Fanahy, sady ty olo ze manompo Azy ro tsy maintsy manompo amy ty fanahy noho fahamarina." ²⁵Hoy azy ampela iny taminy hozo: "Haiko fa ho avy ty Mesia (azy kaihy hoe Kristy iny). Sady lafa avy Ie, le hanazava amintsika ty raha iaby." ²⁶Hoy Jesosy taminy hozo: "Zaho ze mitesaky aminao, ro Ie." ²⁷Tany fotoa zay le nimpoly mpianatsiny rey. Sady nanontany vata ndrozy hoe nanino Ie ro miresaky amy ty ampela, fa tsy nisy nivola hozo: "Ino ro ilanao?" ndra hozo: "Nanino Iha ro miresaky aminy?" ²⁸Laha zay le nanenga ty sihioany ty ampela, ka le nandeha nimpoly tan-tanà any, sady nivola tany ty olo hozo: ²⁹"Handeha, hanenty azy lahilahy ze nivola ty vitako iaby iny. Tsy ho Kristy zay, sa va Ie?" ³⁰Le niala tan-tanà eo ndrozy ka le nana Aminy eo. ³¹Anay zay, nandrisiky, Androzy mpianatsy rey, manao hozo: "Raby, mihinana." ³²Fa hoy Ie tamin-drozy hozo: "Zaho ro mana hanin-ko hany ze tsy hainareo." ³³Ka le nifampiresaky mpianatsy rey hozo: "Tsy nisy olo mnday raha ho hany ho Azy, sa va nisy?" ³⁴Hoy Jesosy tamin-drozy hozo: " Ty haniko ro ty manao ty sitsapo Azy naniraky Ahy iny sady manao ty asany. ³⁵Moa Iha tsy mibola hozo: "Efa-bola sisa le ho avy ty fararano? Volaniko aminareo, hosindraha ty masonareo le henteo ty am-baibo eny, fa masaky sady ho hamboly rey! ³⁶Ze mamboly ro mandramby karama noho mamory vokatsy ho amy ty fiaina zisiky farany, ka le hiara-paly ty mpandraraky noho ty mpamboly." ³⁷Fa amy zay ro marina azy safe manao hozo: "Ty raiky mandraraky, sady ty raiky koa mamboly," ³⁸Naniraky anareo hamboly ze tsy nivozahanareo Zaho. Hafa rey ro niala havoza, sady nareo ro nilitsy tany ze nivozahany eo." ³⁹Lako tany samaritana rey tany tanà zay ao ro nino Azy noho ty tatitsy azy ampela ze manambara hozo: "Nivolaniny tamiko iaby ze nanoviko iaby." ⁴⁰Ka le namonjy Androzy samaritana rey, le nangataky Azy mba hijano hiaraky amin-drozy, le nijano tao ndroe andro Ie. ⁴¹Lako hafa ro nino noho ty safany. ⁴²Hoy rozy tamin'ampela hozo: "Tsy noho ze voavolanao sasy ro hinoanay, fa zahay mihintsy ro fa nahare, sady hainay fa Ie vatany ro azy Mpamonjy an'i tany iaby toy iny." ⁴³Tafara ndroe andro rey, le niala baka ao Ie hana Galilia any. ⁴⁴Fa Jesosy mihintsy ro nanambara fa ty olo to-resaky ro tsy manan-danja amy ty taniny ao manoka. ⁴⁵Lafa avy ta Galilia ao Ie, le nandramby Androzy Galiliana. Ndrozy ro nahita ty raha iaby ze nanoviny ta Jerosalema ao tany ty andro fifalefalea, safe nandeha tany ty andro fifalefalea any avao koa ndrozy. ⁴⁶Sady niavy ta Kana ao Galilia ao ndraiky Ie, ze toera nampoliany ty rano ho divay. Nisy tandapa raiky ze nana anakilahy marary ta Kapernaony ao. ⁴⁷Lafa reny fa baka a-Jodia any ho a-Galilia any Jesosy, le nana amy i Jesosy eo ie sady nangataky taminy mba hiiotso sady hanafaky ty anakilahiny, ze fa ho maty. ⁴⁸Bakeo Jesosy nivola taminy hozo: "Laha tsy mahita fahaiza noho hatsereha nareo, tsy mba hino

mihintsy."⁴⁹ Hoy azy tandapa iny taminy hozao: "Tompoko, mijotsoa aloha ty fahafatesa lahy ty anako." ⁵⁰Hoy Jesosy taminy hozao: "Mandehana. Velo ty ananao." Nino ty safa ze nivolany i Jesosy taminy azy lahilahy iny, ka le nandeha ie. ⁵¹Laha ie nijotso iny, le nitsena androzy mpiasany, nivola fa velo ty anany. ⁵²Ka le nanontany androzy ty lera ze niaretany ie. Namaly azy ndrozy hozao: "Nomaly tamy ty lera faha fito ro niala ty tazo taminy."⁵³Hay azy raiky iny bakeo fa tamy lera io ro nivola i Jesosy azy hozao: "Velo ty anako." Ka le nino ty vatany noho longony iaby rey. ⁵⁴Zay ro fahaiza faharoe nanovy i Jesosy tamy le mbo niala ta Jodiia ao ho a-Galilia any.

Chapter 5

¹Tafar zay ro nisy fifalefalea ty Jiosy, sady niakatsy ho a-Jerosalema any Jesosy. ²Sady ta Jerosalema any anila ty vavahadin'aondry eo, le nisy farihy, ze nikaiky tamy ty Hebreo hoe Betesda, sady misy fialofa limy zay. ³Lako olo marary rey, jiky, malemy, ndra tsy afaky mihetsiky niroro tao. (Fanamariha: Ty taratasy lako taloha soa bibike ro mangalaky ty fehezan-tsafa hozao: "Mandiny ty fihetsiky ty rano") ⁴(Fanamariha: Ty taratasy-lako taloha soa bibiky ro mangalaky ty and. 4 hozao: "Fa nisy anjely ty Tompo raiky nijotso ka le nampihetsiky ty rano kisendrasendra sady ndra ia ndra ia nandroso nana ao lafa nihetsiky ty rano le afaky tamy arety ze namparary azy rey ndra ino ndra ino.") ⁵Sady nisy lahilahy raiky teo ze fa narary telopolo valo amby tao. ⁶Lafa hita i Jesosy niroro teo ie, noho tafara yy nahatsapany fa an-tao lako ie ro teo, le hoy le taminy hozao: "Te-ho afaky va iha?" ⁷Namaly azy lahilahy marary iny hozao: "Tompoko, tsy mana ndra ia ndra ia zaho hampijobo ahy anay farihy ao lafa mihetsiky ty rano. Lafa mandeha zaho, le misy miaisiky alohako eo." ⁸Hoy Jesosy taminy hozao: "Mitsangana, andeso ty fandreanao, ka le mandehana." ⁹Direkita le afaky lahilahy iny, ka le nirambesiny ty fandreany le mandeha ie. Sady Sabata andro zay. ¹⁰Le hoy Jiosy rey tamy azy afaky iny hozao: "Sabata ty andro le tsy mahazo manday ty fandreanao iha". ¹¹Namaly ie hozao: "Azy nanafaky ahy iny ro nivola tamiko hozao: 'Andeso ty fandreanao ka le mandehana iha.'" ¹²Sady nanontany azy ndrozy hozao: "Ia lahilahy nivola taminao hozao: 'Andeso ty fandreanao ka le mandehana iha?'" ¹³Nefa, azy afaky iny tsy nahay Azy safe niala moramora Jesosy fa nisy olo lako tan-toera eo. ¹⁴Lafa bakeo, hita i Jesosy tan-degilizy ao ie ka lehoay le taminy hozao: "Ingo, afaky iha! Ka manota sasy, mba tsy hotsanga aminao ty raha raty noho ty teo." ¹⁵Bakeo le mandeha lahilahy iny ka le nanesy tamy Jiosy rey fa Jesosy ro nanafaky azy. ¹⁶Sady noho raha rey le nanenjiky an'i Jesosy Jiosy rey, safe nanao raha rey tamy ty Sabata le. ¹⁷Sady namaly androzy Jesosy hozao: "Ty Babako ro miasa eny fa ndra amy zao aza, sady Zaho, avao koa, le miasa." ¹⁸Laha zay, le vo maiky nila hamono Androzy Jiosy tsy noho ty fandratiantiatany ty Sabata avao, fa ty nikaihany an-Janahary avao koa hoe Babany manika, manao ty vatany ho mitovy amin-Janahary. ¹⁹Sady Jesosy namaly androzy hozao: "Volaniko aminareo mariba, le marina vatany, fa ty Anaky le tsy afaky manao ndra ino ndra ino ho Azy, hafa-tsy ze hitany anovy Njanahary avao, fa ndra ino ndra ino anovy Njanahary, le anovy ty Anky avao koa raha rey. ²⁰Fa Njanahary tea ty Anaky ka le nampitoro azy ty raha iaby ze nanovy ty vatany, sady hampitoro azy raha bevata mandilatsy noho rey le mba ho tseriky nareo. ²¹Fa manahaky Njanahary mampitsanga noho mamelo ty maty, le mahahaky zay avao koa ro ameloma ty Anaky ze teany. ²²Fa Njanahary ro tsy mitsara ndra ia ndra ia, fanameany ty Anaky ty fitsara iaby ²³mba hanaja ty iaby ty Anaky manahaky ty hanajan-drozy Njanahary. Ze tsy manaja ty Anaky le tsy manaja azy Njanahary naniraky Azy iny. ²⁴Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa ze mahare ty safako noho mino ze naniraky Ahy le mana ty fiaina ziaiky farany ka le tsy helofa, fa niala tamy ty fahafatesa ho amy ty fiaina ie. ²⁵Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa avy ty lera, sady avy zay amy zao, lafa hahare ty feo ty Anan-Janahary ty maty, sady ho velo ze mahare rey. ²⁶Fa manahaky Njanahary mana fiaina Aminy ao, ro nanomezako ty anaiy avao koa mba hananany fiaina Aminy ao, ²⁷sady namea Njanahary fahefa hitsara ty Anaky noho le Anan'olo. ²⁸Ka tseriky amy zay, fa avy ty andro hahareza ty olo iaby an-dala any ty feony ²⁹ka le hiboaky: ze nanao ty soa rey ro ho amy ty fitsahga ho amy ty fiaina any, fa ze nanao ty raty koa ro ho amy ty fitsanga any ho amy ty fitsara. ³⁰Tsy afaky manao ndra ino ndra ino aha Zaho avao. Manahaky ze reko, ro itsarako, sady ty fitsarako ro marina safe tsy mila ty sitsa-po manoka Zaho fa ty Sitsaponyze nanira Ahy. ³¹Laha tokony hanambara ty mikasiky ty vatako Zaho, le tsy marina ty fanambarako. ³²Misy raiky hafa ze manambara ty mikasiky Ahy, sady haiko fa marina ty fanambara ze volaniny mikasiky Ahy. ³³Nitahy tamy i Jaona any nareo, sady nanambara ty marina ie. ³⁴Nefa ty fanambara ze rambesiko ro tsy baka amy ty olo. Mivola raha zay Zaho mba mety ho voasarombaky nareo. ³⁵Jaona ro jiro nirehitsy noho nanazava, sady nareo naniry ty hifaly tsy ela tsy ela tamy ty fahazavany ao. ³⁶Nefa ty fanambara ro mbo bevata noho ty an'i Jaona, fa asa namea Njanahary ho tanterahiko rey, asa ze anoviko rey, ro manambara ty mikasiky Ahy fa nirahy Njanahary Zaho. ³⁷Njanahary Ze naniraky Ahy mihintsy ro nanambara Ahy. Tsy mbo nahare ty feony ndra nahita ty tarehiny nareo. ³⁸Sady ty safany tsy mba mipetsaky anainareo ao, ssfe tsy mino azy nirahiny iny nareo. ³⁹Mila ty Soratsy Masy nareo safe dinihinareo fa amy rey ao ro anananareo fiaina zisiky farany, sady Sarotsy Masy rey avao ro manambara mikasiky Ahy, ⁴⁰nefa tsy vonona ty hamonjy Ahy nareo mba hanananareo fiaina. ⁴¹Tsy mandramby laza baka amy ty olo Zaho, ⁴²safe haiko fa tsy misy fitiava an-Janahary aminareo ao. ⁴³Avy amy ty anara ty Babako Zaho, nefa tsy rambesinareo. Laha misy hafa avy amy ty anarany manoka, le ho rambesinareo ie. ⁴⁴Ino ro hinoanareo, nareo ze mandramby laza baka amy ty olo-hafa nefa tsy mila ty laza ze baka amin-Janahary toka? ⁴⁵Ka mieritseritsy hoe Zaho ro hanome sazy anareo anila Njanahary. Azy raiky manasazy anareo iny le Mosesy, ze nametsahanareo ty fanantenanareo. ⁴⁶Laha nino an'i Mosesy nareo le tokony

hino Ahy, safe nanoratsy ty mikasiky Ahy ie. ⁴⁷Laha tsy mino nisoratiny anareo rey, le anovinareo ino ro hino ty safako?

Chapter 6

¹Tafara raha rey, le lasa nanapaky ty riaky i Galilia Jesosy, kaihy avao koa hoe riaky i Tibetiasy. ²Nisy olo lako mare nanaraky Azy safe hitan-drozy ty fahaiza ze nanoviny tamy narary rey. ³Niakatsy am-bohitsy Jesosy sady nipetsaky teny niaraky tamy mpianatsiny rey Ie. ⁴(Sady ty Paska, azy ingo fifalefaleaty Jiosy, le fa marina.) ⁵Lafa nanenty anabo Jesosy ka le nahita olo lako mare bey namonjy Azy, le hoy Ie tamy i Filipo hozao: "Aia ro hiviliantsika mofo mba hafahan-drozy mihina?" ⁶(Fa Jesosynivola zay mba hitsapa an'iFilipo, fa hainy ze hanoviny.) ⁷Sady Filipo namaly Azy hozao: "Ndra le mofo roanjato denaria ka tsy ho ampy ho ahy ty Kirai-draiky ndra kelikely iaby aza." ⁸Raiky tamy mpianatsy rey, Andrea, rahalahy i Simona Petera, nivola tamy i Jesosy hozao: ⁹"Misy lahilahy raiky mana mofo limy eto noho fia roe, fa ino rey aloha olo lako reto?" ¹⁰Sady Jesosy nivola hozao: "Anovo mipetsaky ty olo" (Sady atsiky akata tamy azy toera iny eo.) Ka le nipetsaky olo rey, tamy ty dima arivo eo ty hisany. ¹¹Bakeo Jesosy nangalaky mofo rey ka le lafa baka nino, le nizara zay tamy ze nipetsaky eo. Manahaky zay avao koa ro nanoviny tamy ty fia, lako manahaky ze nivolanin-drozy. ¹²Lafa vinty ty olo, le hoy Ie tamy mpianany rey hozao: "Avario sombitsombiny tavela rey, mba tsy hisy ho tsobo." ¹³Ka le navorin-drozy zay ka le naha atsimy sobiky folo roa amby sombotsomby mofo limy sisa nenga nihina rey. ¹⁴Bakeo, lafa nahita faiza nanoviny zay ty olo, le hoy ndrozy hozao: "Toy vatany azy to-resaky ze avy ho amy ty tany iaby toy eto." ¹⁵Lafa hita i Jesosy fa ho avy ndrozy hangalaky Azy noho hanondrotsy Azy forise ho mpanjaka, le nimpoly tam-bohitsy eny raiky ndraiky Ie. ¹⁶Lafa hariva ty andro, le nijotso tamy ty riaky any olo to-resaky rey. ¹⁷Nana any laka ao ndrozy, ka le nanapaky ty riaky ho Kapernaomy any. Fa maiky tamy zay, sady Jesosy mbo tsy niavy tamin-drozy eo avao. ¹⁸Nisy tsioky nitsioky nare, sady niha-nahery ty riaky. ¹⁹Lafa nitoly tamy ropo limy amby ndra telopolo stadio eo ndrozy, le nahita an'i Jesosy nandeha tamy ty riaky eo sady nanariny ty laka, ka le natahotsy ndrozy. ²⁰Fa hoy Ie tamin-drozy hozao: "Zao avao toy! Ka matahotsy." ²¹Bakeo le vonona ty handramby Azy tamy azy laka iny eo ndrozy, sady teo ro eo le niavy tamy toera andehanan-drozy iny eo laka iny. ²²Lafa maray iny, hita olo lako ze nitsanga tamy sisiny ty riaky iny eo fa tsy nisy laka hafa teo hafa-tsy raiky iny avao, sady Jesosy tsy nilitsy tao niaraky tamy mpianatsiny rey fa nandeha raiky to-resaky iny. ²³Nefa, nisy laka lako baka Tiberiasy anila azy toera ze nihinanan-drozy ty mofo baka nisaotsy ty Tompo iny any. ²⁴Lafa hita ty olo lako fa tsy teo ndra Jesosy ndra mpianatsiny rey, le nilitsy tanay laka ao ndrozy sady nana Kapernaomy eny hila an'i Jesosy. ²⁵Lafa hitan-drozy tamy sisiny ty renirano eny Ie, le hoy ndrozy taminy hozao: "Raby, ombia Iha ro niavy teto?" ²⁶Jesosy namaly androzy, nanao hozao: "Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa mila Ahy nareo, tsy noho ty nahitanareo fahaiza, fa noho ty nihinananareo ty mofo ka le vinty." ²⁷Ka miasa ho ahy ty hany mety rava, fa miasa ho ahy ty hany ze ela ho ahy ty fiaina zisiky farany ze hamea ty Anan'olo anareo, safe Njanahary Ray ro nanisy tampô taminy. ²⁸Bakeo le hoy ndrozy taminy hozao: "Ino ro tsy maintsy hanovinay, mba hananovanay asan-Janahary?" ²⁹Jesosy namaly kanle nanao tamin-drozy hozao: "Zao ro asan-Janahary: le ty hinoanareo azy raiky ze nirahiny." ³⁰Ka le hoy ndrozy takiny hozao: "Ino moa ro fahaiza hanovinao, mba hahitanay noho hinoanay anao? Ino ro hanovinao?" ³¹Ty razanay nihina ty mana tany efitsy, manahaky ty voasoratsy hozao: "Nameany mofo baka an-danitsy any ndrozy hoahhiny." ³²Bakeo Jesosy namaly androzy hozao: "Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa tsy Mosesy ro nanome anareo ty mofo baka an-danitsy any, fa ty Babako ro manome anareo ty tena mofo baka an-danitsy any. ³³Safe ty mofon-Janahary ro mijotso baka an-danitsy any ka manome fiaina ho ahy ty tany iaby toy." ³⁴Ka le hoasan-drozy taminy hozao: "Tompoko, ameo anay zisiky farany mofo zay." ³⁵Le hoy Jesosy tamin-drozy: "Zaho ro mofo ty fiaina; ze mamonjy Ahy tsy mba ty mosary sasy, sady ze mino Ahy tsy te hino rano sasy. ³⁶Nefa fa nivolaniko taminareo fa nahita Ahy avao nareo, nefa tsy mino. ³⁷Ty iaby ze amea ty Babako Ahy le hamonjy Ahy, sady ze mamonjy Ahy ro tsy mba ho ariako. ³⁸Fa nijotso baka an-danitsy any zaho, tsy mba hanao ty sitsapoko manoka, fa ty Sitsapony ze naniraky Ahy. ³⁹Sady zao ro Sitsapony ze naniraky Ahy, le ty tsy hanariako ze nameany Ahy, fa hampitsanga androzy amy ty andro farany. ⁴⁰Safe zao ro sitsapo ty Babako, le ty mba hahazo ty iaby ze mhita ty Anaky noho mino Azy ty fiaina zisiky farany sady ho hantsangako amy ty andro farany ie." ⁴¹Bakeo nimenimeny miksiky Androzy Jiosy safe Ie nivola hozao: "Zaho ro mofo nijotso baka an-danitsy any." ⁴²Sady hoasan-drozy hozao: "Tsy azy Jesosy anaky i Josefa iny va io, ze haintsika ty ray aman-dreniny? Ino moa ro ivolanany hozao: 'Nijotso baka an-danitsy any Zaho?'" ⁴³Jesosy namaly ka le nanao tamin-drozy hozao: "Ajanono ty fimenimeny anivonareo eo. ⁴⁴Tsy misy olo afaky mampnny Ahy laha tsy Njanahary ze naniraky Ahy ro mitao azy, sady ho hatsangako ie amy ty andro farany. ⁴⁵Zay ro voasoratsy amy ty boky ty olo to-resaky ao hozao: 'Hampianarin-Janahary iaby ie.' Ze iaby nahare noho nianatsy tamy Njanahary ro mamonjy Ahy. ⁴⁶Tsy nisy nahita Njanahary, hafa-tsy ze baka amin-Janahary, ie ro nahita Njanahary. ⁴⁷Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa ze mino ro mana fiaina zisiky farany. ⁴⁸Zaho ro mofo ty fiaina. ⁴⁹Ty Razanareo nihina ty mana tan'efitsy any, sady maty ndrozy. ⁵⁰Toy ro mofo nijotso baka an-danitsy any, mba tsy ho maty ze mihina amy zay. ⁵¹Zaho ro

mofo veli nijotso baka an-danitsy any. Laha misy olo mihina amy mofo toy, le ho velo zisiky farany ie. Ty mofo ze hameako ro notoko ho ahy ty fiaina ty tany iaby toy."⁵²Niha-meloky Jiosy rey ka le nannomboky nialy hevitsy, nanao hozo: "Ino ro afaha lahilahy io manome antsika ty nofotsiny hohany?" Sady hoy Jesosy tamin-drozy hozo: ⁵³"Volaniko aminareo marina, le marina vatany, fa laha tsy mihina ty nofotsy ty Anan'olo nareo noho mino ty liony, le tsy hana fiaina aminareo ao."⁵⁴Ndra ia ndra ia mihina ty nofotsiko noho mino ty lioko le mana fiaina zisiky farany, sady hatsangako ie amy ty andro farany. ⁵⁵Fa ty nofotsiko ro tena fihina, sady ty lioko ro tena finomy. ⁵⁶Ze mihina ty nofotsiko noho mino ty lioko ro mipetsaky Amiko ao, sady Zaho aminy ao.⁵⁷Manahaky ty naniraha Njanahary velo Ahy, noho manahaky ty hivelomako noho Njanahary, ze mihina Ahy, le ho velo avao koa noho ty Amiko. ⁵⁸Toy mofo nijotso baka an-danitsy any iny, tsy manahaky ty Raza nihina ka le maty. Ze mihina mofo toy ro velo zisiky farany." ⁵⁹Fa Jesosy nivola raha rey tany ty synagoga ao lafa nampianatsy ta Kaoernaomy ao Ie.⁶⁰dy lako tany mpianatsiny ret ze nahare zay ro nivola hozo: "Fampianara sarotsy zay; ia ro afaky hanenky zay?"⁶¹Jesosy, noho Ie nahay taminy ao fa nimenimeny tany zay mpianatsiny rey, nivola rozy hozo: "Mampeloky anareo va zay?"⁶²Ka le ino laha tokony hahita ty Anan'olo miakatsy amy ty nipetsahany taloha any nareo? ⁶³Ty Fanahy ro manome fiaina; ty nofotsy tsy ahazoa ndra ino ndra ino. Saha ze nivolaniko taminareo rey le fanahy, sady fiaina rey.⁶⁴Mbo miay ilany aminareo tsy mino." Fa Jesosy fa nahay zisiky amy ty velohany ze tsy hino noho ze hamitaky Azy. ⁶⁵Hoy Ie hozo: "Laha zayro afaky mamonjy Ahy laha tsy namea Njanahary Azy zay."⁶⁶Laha zay, lako tany mpianatsiny rey ro nandeha sady tsy niaraky-lia taminy sasy. ⁶⁷Le hoy Jesosy tany folo roa amby rey hozo: "Tsy te-handeha koa va nareo, sa aha?"⁶⁸Sady Simona Petera namaly Azy hozo: "Tampo, ho amin'ia any moa zahay? Iha ro mana ty safa ty fiaiana zisiky farany, ⁶⁹sady nino zahay ka le mamonjy mba hahay fa Iha ro azy Masy Njanahary iny."⁷⁰Hoy Jesosy takin-drozy hozo: "Tsy Zaho va ro nitingy anareo, folo roamby, sady ty raiky aminareo ro devoly?"⁷¹Sady Jodasy ana i Simona Iskariota ro resahiny, safe ie, azy raiky amin-drozy folo roamby iny, ze hamaliky an'i Jesosy.

Chapter 7

¹tafara raha rey Jesosy le nandeha ta Galilia any, fa tsy te-ho a-Joda any anefa Ie noho Jiosy mila hamono Azy rey. ²Sady fa mariny ty andro fifalefalea ty Jiosy ty Tabernakely. ³Laha zay rahalahiny rey nivola taminy hozao: "Mialà amy toera toy sady mandehana a-Jodia any, hafaha mpianatsinao rey mahita asa anovinao rey avao koa. ⁴Tsy misy olo manao raha tsy hita zay laha ie vatany sady te-ho hay amin'olo lako rey. Laha manao raha rey iha, le miboaha amy ty tany iaby toy." ⁵Fa ndra rahalahiny aza tsy nino Azy. ⁶Laha zay Jesosy nivola androzy hozao: "Mbo tsy avy ty fotoako fa ty fotoanareo koa ro vonona lalandava. ⁷Tsy afaky ty halay anareo tany iaby toy, fa Zaho ro halany safe manambara fa raty asany rey. ⁸Nareo miakara amy ty fifalefalea any; fa Zaho koa tsy handeha amy zay safe tsy mbo avy ty fotoako." ⁹Tafara ty nivolanany raha rey androzy, le nijano ta Galilia ao Ie. ¹⁰Fa lafa niakatsy tamy ty fifalefalea any rahalahiny rey, le niakatsy tany avao koa Ie bakeo, tsy nisehoseho fa nivony. ¹¹Nila azy tamy ty fifalefalea any Jiosy rey sady nivola hozao: "Aia Ie?" ¹²Nisy resaky lako mare miksiy Azy tanivo olo lako rey eo. Ty ilany nivola fa: "Lahilahy soa Ie." Ilany hafa nivola hozao rey: "Aha, mitariky ty olo lako amy ty lala hafa any Ie." ¹³Sady tsy nisy mahasaky niresaky amin'olo lako mikasiky Azy noho ty fatahora Jiosy rey. ¹⁴Lafa nisasaky ty fifalefalea, le niakatsy tamy ty egilizy Jesosy any sady nanomboky nampianatsy. ¹⁵Bakeo le tseriky Jiosy rey, manao hozao: "Ino ro hahaza lahilahy io iaby zay? Ie tsy mba niala fianara mihintsy." ¹⁶Jesosy namaly androzy sady nanao hozao: "Tsy Ahy ty fampianarako, fa baka Aminy ze naniraky Ahy." ¹⁷Laha misy olo maniry hanao ty sitsapony, le hahay mikasiky fampianara io ie, ndra baka amin-Janahary zay, ndra Zaho ro nivola baka amy ty vatako. ¹⁸Ndra ia ndra ia nivola baka amy ty vatany le mila ty voninahitsy ty vatany manoka, fa ndra ia ndra ia mila ty voninahitsy ze naniraky azy, le olo io ro marina, sady tsy misy tsy fahamarina aminy ao. ¹⁹Tsy namea i Mosesy anareo va ty lalà? Nefa tsy misy aminareo miemby ty lalà. Nanino nareo ro mila hamono Ahy?" ²⁰Namaly ty olo lako hozao: "Iha ro misy demonia. Ia koa ro mila hamono anao?" ²¹Jesosy namaly ka le nivola androzy hozao: "Asa raiky ro anoviko, sady le tseriky noho zay iaby nareo. ²²Namea i Mosesy ty fanavara nareo (tsy hoe baka amy i Mosesy zay fa baka amy raza rey), sady amy ty Sabata manavatsy olo nareo, ²³Laha amy ty Sabata ro anavara ty olo mba tsy ho voadika ty lalà i Mosesy, le nanino nareo ro meloky amiko laha nanafaky tanteraky olo raiky tamy ty Sabata Zaho? ²⁴Ka mitsada amy ty endriky ambaliky, fa mitsarà am-pahamarina." ²⁵Nisy ilany tamy rey baka a-Jerosalema any nivola hozao: "Tsy toy va azy ilan-drozy ho vonoe io?" ²⁶Hentoe, miresaky mibaribary Ie, sady tsy misy nivola ndra ino ndra ino Azy ndrozy. Le ho hay mpanday rey vatany va fa Ie ro Kristy, sa ino? Fa ²⁷haintsika hoe baka aia lahilahy io. Fa lafa avy azy Kristy iny, le tsy hisy hahay hoe baka aia Ie." ²⁸Bakeo nikoraky mare Jesosy tan-degilizy ao, nampianatsy sady nivola hozao: "Nareo ro samby mahay ty safako sady mahay ty fiaviako. Tsy avy noho ty vatako manoka Zaho, fa azy naniraky Ahy iny ro marina, sady tsy hainareo Ie. ²⁹Haiko Ie safe Zaho ro baka aminy any sady Ie ro naniraky Ahy". ³⁰Niezaky ty hanambotsy Azy ndrozy, fa tsy nisy nanampatsy-tana taminy safe tsy mbo avy ty fotoany. ³¹Nefa lako tamy olo lako rey ro nino Azy, sady hoy ndrozy hozao: "Lafa avy azy Kristy iny, moa hanao fahaiza lako noho ty vita lahilahy io va Ie?" ³²Nahare ty olo lako nibisibisiky raha mikasiky i Jesosy rey ty Fariseo, sady ty loha ty mpisoro noho Fariseo rey ro naniraky mpiemby raharaha hanambotsy Azy. ³³Hoy Jesosy bakeo hozao: "Kelikely sisa ty fotoa hiarahako aminareo, le handeha ho amy azy naniraky Ahy iny any Zaho. ³⁴Hila Ahy nareo fa tsy nahita Ahy; ze handehanako, tsy ho azonareo andehana." ³⁵Laha zay Jiosy rey ro nifampiresaky hozao: "Fa handeha ho aia lahilahy io ro tsy ho vitantsika ty hila Azy? Handeha ho amy rey any ze niparitaky nana amy i Grika any le hananatsy Grika rey va? ³⁶Sady ino ty dika ty safa nivolaniny hozao: 'Hila Ahy nareo fa tsy hahita ahy; ze handehanako, tsy ho azonareo andehana'?" ³⁷Sady tamy farany, andro brvata amy ty fifalefalea, le nitsanga Jesosy sady nivola mare, manao hozao: "Laha misy te hino rano, engao ie hamonjy Ahy sady hino. ³⁸Ze mino Ahy, manahaky ty voavola ty Soratsy Masy, le hirotsaky baka an-tsarotsony ao ty renirano velo." ³⁹Fa zao ro amabarany mikasiky ty Fanahy, ze nino Azy rey ro handramby; azy Fanahy iny ro tsy mbo namea safe tsy mbo nahazo voninahitsy i Jesosy. ⁴⁰Ty ilany tamy olo lako rey, lafa nahare safa rey, le nivola hozao: "Toy vatany azy olo to-resaky iny." ⁴¹Hafa nivola hozao rey: "Toy azy Kristy iny." Fa ty ilany nivola hozao: "Fa Kristy zany baka Galilia any? ⁴²Tsy voavola ty Soratsy Masy va fa Kristy ro baka amy ty tariha i Davida sady baka Betlehema ao, azy tanà ze nisy an'i Davida iny?" ⁴³Kable nisy fizara tamy ty olo lako eo noho Ie. ⁴⁴Ty ilany tamin-drozy te-hanambotsy Azy, fa tsy nisy nanampatsy fana taminy. ⁴⁵Bakeo mpiemby raharaha nimpoly tamy loha ty mpisoro rey any noho Fariseo rey, ze nivola tamin-drozy hozao: "Nanino nareo ro tsy nanday Azy?" ⁴⁶Namaly mpiemby raharaha rey hozao: "Tsy mbo nisy niresaky manahaky zay mihintsy." ⁴⁷Laha zay Fariseo rey namaly androzy hozao: "Voafitaky avao koa va nareo? ⁴⁸Moa nisy tamy mpanapaky rey mba nino Azy, ndra tamy Fariseo rey? ⁴⁹Fa olo lako rey ro tsy mahay ty lalà, voazo rey." ⁵⁰Nikodemusy (raiky amy Fariseo rey, ze avy aloha taminy eo), nivola hozao: ⁵¹"Moa va ty lalantsika mitsara olo aloha ty hahareza azy ka le ahaiza ze nanoviny?" ⁵²Namaly ndrozy sady nivola taminy

hozaô: "Baka Galilia any koa va iha? Mikaroha sady Henteo fa tsy misy olo to-resaky baka Galilia any."⁵³ (Fahamarina: Ty dikan-tsafa taloha soa bibime le tsy ahita ty Jaona 7: 53-8 11) [Bakeo ty Kirai-draikynana an-tsanony any iaby.

Chapter 8

¹(Fanamariha: Hentao ty fanamariha mikasiky i jaona 7: 53-8: 11 anabo eroy) Nana am-bohitsy i Oliva any Jesosy.

²Vo maray le nana an-degilizy eny ndraiky Ie, sady ty olo iaby namonjy Azy; nipetsaky Ie sady nampianatsy androzy. ³Mpanora-dalà rey noho Fariseo rey ro nanday ampela raiky tsatsy naheriloha. Napetsakin-drozy tanivony eo ie. ⁴(Fanambara: Hentao ty fahamarina mikasiky i Jaona 7: 53-8: 11 anabo eroy) Bakeo hoasan-drozy taminy hozao: "mpampianatsy ô, ampela toy ro tsatsy tan-keriloha eo. ⁵Sady amy ty lalà ao, Mosesy nibeko anay mba hitoraky-vato ty olo manahaky zay; ino ro ambaranao mikasiky azy?" ⁶Nivolanin-drozy hamandriha Azy avao anefa zay mba afahan-drozy manasazy Azy, fa Jesosy koa niondriky sady nanoratsy tany ty tany tany ty ratsan-tanany. ⁷(Fanamariha: Hentao ty fahamarina mikasiky i Jaona 7: 53-8: 11 anabo eroy) Lafa nampipetsaky fanintanea taminy direkita ndrozy, le nitsanga Ie ka le nivola androzy hozao: "Ze tsy nanota taminareo, engao ie ro hitoraky-vato azy velohany." ⁸Le niondriky ndraiky Ie, sady nanoratsy tany ty tany tany ty rantsa-tanany.

⁹(Fahamarina: Hentao ty fahamarina mikasiky i Jaona 7: 53-8: 11 anabo eny) Lafa nahare zay ndrozy, le niala kirai-draiky, nanomboky tany ty zokiny bibiky. Sady ty farany le Jesosy raiky avao sisa ro tavela eo, niaraky tany azy ampela ze tanivony eo iny. ¹⁰Nitsanga Jesosy ka le nivola taminy hozao: "Ampela, fa nandeha aia mpanasazy anao rey? Tsy misy manasazy anao va?" ¹¹Hoy ie hozao: "Tsy misy, Tompoko." Sady hoy Jesosy hozao: "Tsy manasazy anao Zaho. Mandehana sady ka manota sasy." ¹²Nivola tamin-drozy ndraiky Jesosy, manao hozao: "Zaho ro fahazava ty tajy iaby toy hozao: "Zaho ro fahazava ty tany iaby toy; ze manoriky Ahy le tsy handeha amy ty haiky fa hana ty fahazava ty fiaina," ¹³Hoy fariseo rey taminy hozao: "Iha ro manambara ty vatanao; tsy marina ty fanambaranao." ¹⁴Jesosy namaly ka le nanao tamin-dozy hozao: "Ndra manambara ty vatako aza Zaho, le marina ty fanambarako. Haiko ty niaviako noho ty lala andehanako, fa nareo koa tsy mahay ze niaviako ndra ze andehanako. ¹⁵Nareo ro mitsara manahaky ty nofotsiko; fa Zaho tsy mitsara ndra ia ndra ia. ¹⁶Ndra le mitsara aza Zaho; le marina ty fitsarako safe tsy raiky Zaho, fa miaraky amy Njanahary ze naniraky Ahy. ¹⁷Eka, sady amy ty lalanareo ao ro voasoratsy fa marina ty fitsangana ty olo roe vavolombelo. ¹⁸Zaho ro manambara ty teako, sady Njanahary ze naniraky Ahy avao koa ro manambara Ahy." ¹⁹Hoasan-drozy hozao: "Aia ty babanao?" Jesosy namaly hozao: "Tsy hainareo ndra Zaho ndra ty Babako; laha nahay Ahy nareo, le mahay ty Babako avao koa." ²⁰Tanilany eo fandatsahan-drakitsy Ie ro nivola safa zay laha Ie nampianatsy tany ty egilizy iny eo, sady tsy nisy nanambotsy Azy safe tsy mbo avy ty lerany. ²¹Sady hoy ndraiky Ie tamin-drozy hozao: "Handeha Zaho; hila Ahy nareo sady ho faty amy ty fahotanareo. Ze andehanako, le tsy ho azonareo handeha." ²²Hoy Jiosy rey hozao: "Hamono tena va Ie? Zay va ro antony nivolanany hozao: "Ze andehanako, le tsy azonareo handehana?" ²³Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Baka anabo etoy nareo! Zaho tsy baka anabo any. Baka amy ty tany iaby toy nareo; Fa zaho tsy baka amy ty tany iaby toy. ²⁴Laha zay, nambarako taminareo fa ho maty amy ty fahotanareo ao nareo. Fa laha tsy mino nareo fa ZAHO RO IE, le ho mary amy ty fahotanareo nareo." ²⁵Laha zay le hoasan-drozy taminy hozao: "Ia moa Iha?" Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Manahaky ze voavola taminareo zisiky amy velohany.

²⁶Mana raha lako hovolany noho hotsarà mikasiky anareo Zaho. Neva, Ie ze naniraky Ahy le marina; sady raha ze reko baka aminy rey, le hambarako amy ty tany iaby toy." ²⁷Tsy azon-drozy nefa fa Ie ro niresaky tamin-drozy mikasiky Njanahary. ²⁸Hoy Jesosy hozao: "Lafa asondrotsinareo ty Anan'olo, le ho hainareo fa zaho ro IE, sady tsy manao ndra ino ndra ino ho Ahy Zaho. Manahaky ty nampianary Njanahary Ahy, ro hivolanako raha rey. ²⁹Ie ze naniraky Ahy le miaraky amiko, sady tsy nanenga Ahy ho raiky Ie, noho Zaho manao ze ankasitahiny zisiky farany." ³⁰Laha nivola raha rey Jesosy, le lako ro nino Azy. ³¹Jesosy nivola tany Jiosy ze nino Azy rey hozao: "Laha mipetsaky amy ty safako nareo, le ho tena mpianatsiko; ³²sady ho hainareo ty marina, sady ty marina hanafaky anareo." ³³Sady ndrozy namaly Azy hozao: "Tariha i Abrahama zahay sady tsy mbo nandevozin'ia ndra ia nanomboky tany zay; ka le ino ro ivolananao hozao: 'Ho afaky nareo?' ³⁴Jesosy namaly androzy hozao: "Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa ze manota rey ro andevozy ty ota. ³⁵Ty andevo ro tsy mipetsaky an-tsano ao zisiky farany; fa ty anaky ro mipetsaky zisiky farany. ³⁶Laha zay, laha ty Anaky ro manafaky anareo, le ho afaky vatany nareo. ³⁷Haiko fa tariha i Abrahama nareo; mila ze hahafaty Ahy safe tsy mana toera aminareo ao ty safako. ³⁸Mivola ze hitako niaraky tany ty Babako Zaho, sady nateo koa manao ze renareo tany ty babanareo." ³⁹Namaly ndrozy ka le nivola taminy hozao: "Abrahama ro babanay." Jesosy nivola androzy hozao: "Laha ana i Abrahama nareo, le hanao ty asa i Abrahama. ⁴⁰Nefa, amy zao nareo mila hamono Ahy, ze lahilahy nivola taminareo ty marina ze reko tamin-Janahary, Abrahama tsy nanao zay. ⁴¹Nareo ro manao ty asa ty babanareo." Hoasan-drozy taminy hozao: "Tsy teraky tany ty heriloha zahay; raiky avao ty Babanay: le Njanahary. ⁴²Jesosy nivola androzy hozao: "Laha Njanahary ro babanareo, le tokony ho tea Ahy nareo, safe baka amin-Janahary ro niboahako noho nandehanako atoy; fa tsy niavy ho azy Zaho, fa Ie ro naniraky Ahy. ⁴³Nanino ro tsy azonareo ty safako? Zay ro safe tsy afaky hanenky ty safako nareo. ⁴⁴Baka amy ty babanareo nareo, azy devoly

iny, sady ty teanareo anovy le ty filà ze nanovy ty babanareo. Mpamono olo zisiky amy zay ie sady tsy mitsanga amy ty fahamarina safe tsy misy marina aminy ao. Lafa mavandy Ie, le ty toetsay fanoviny avao ro volaniny safe mpavandy Ie sady tompo ty vandy.⁴⁵ Nefa, safe mivola ty marina Zaho, le tsy mino Ahy nareo. Ia⁴⁶ aminareo ro manasazy Ahy amy ty fahota? Laha mivola ty marina Zaho, nanino ro tsy hitanareo? ⁴⁷Ze baka amin-Janahary le mahare ty safan-Janahary; tsy mahare zay nareo safe tsy baka amin-Janahary."⁴⁸Namaly Jiosy rey ka le nivola taminy hozao: "Moa va tsy mivola ty marina zahay fa Samaritana Iha sady misy demonia?"⁴⁹Jesosy namaly hozao: "Tsy misy demonia zaho, fa manome voninahitsy ty Babako, sady nareo tsy manome voninahitsy Ahy."⁵⁰Tsy mila ty voninahitsiko Zaho; misy faiky mila noho mitsara. ⁵¹Volaniko aminareo, marina le marina vatany, fa laha misy miemby ty safako, le tsy hahita fahafatesa zisiky farany ie."⁵²Hoy Jiosy rey taminy hozao: "Amy zay hainay fa mana demonia Iha. Fa maty Abrahama noho olo to-resaky; nefa iha mivola hozao: 'Laha misy miemby ty safako, le tsy hahita fahafatesa zisiky farany ie.'⁵³Tsy bevata noho ty babanay Abrahama ze fa maty Iha, sa va bey? Olo to-resaky rey avao koa le maty. Manao ty vatanao ho Ia moa Iha?"⁵⁴Jesosy namaly hozao: "Laha mandrengy ty vatako Zaho, le ho tsy misy dikany ty voninahitsiko; ro mandrengy Ahy. ⁵⁵Tsy hainareo Ie, fa Zaho mahay Azy. Laha mivola Zaho hozao: 'Tsy mahay Azy Zaho,' le hanahaky anareo, mpavandy. Nefa, haiko Ie ka le miemby ty safany Zaho. ⁵⁶Ty babanareo ro nifaly nahita ty androko; nahita zay ie le faly."⁵⁷Hoy Jiosy taminy rey hozao: "Mbo tsy misy dimampolo tao aza Iha, Kanle ho fa nahita an'i Abrahama va? ⁵⁸Sady ho y Jesosy tamin-drozy hozao: "Volaniko aminareo, marina, le marina vatany,taloha ty niteraha i Abrahama, le Zaho ro Ie."⁵⁹Bakeo le nangalaky vato hatoraky Azy ndrozy, fa Jesosy koa niara ka le niboaky ty egilizy.

Chapter 9

¹Sady laha nandalo Jesosy, le nahita lahilahy jiky zisiky amin-drozy vo teraky. ²Nanontany Androzy ty mpianatsiny hozo: "Raby, ia lahy ro nanota, lahilahy io sa ray aman-dreniny rey, ro ke tsraky jiky manahaky zao ie?"³Jesosy namaly hozo: "Tsy lahilahy io ro nanota, ndra ty ray aman-dreniny, fa nanovy zao mba hampitoroa aminy ty asan-Janahary. ⁴Tsy maintsy manao ty asa ze naniraky Ahy tsika laha mbo mazava. Fa ho avy ty haly ze tsy afahan'ia ndra ia miasa sasy. ⁵Laha mbo amy ty tany iaby toy Zaho, le Zaho ro fahazava ty tany iaby toy." ⁶Lafa baka nivola zay Jesosy, le nandora tamy ty tany, sady nanao feta tamy azy ivy iny, ka le nanosotsy ty fotaky tamy ty maso azy lahilahy iny. ⁷Hoy Ie taminy hozo: "Mandehana, sadao amy ty rano ty Siloama eny (ze adika hozo: nirahy) ty nimpoly nahita, nanasa zay, sady nimoly nahita." ⁸Sady nifampanontany olo miharo rindry tsano tamy ty lahilahy noho ze nahita azy nangataky taloha rey nanao hozo: "Tsy toy va lahilahy nipetsaky nangataky teto iny?" ⁹Ty ilany nanao hozo: "Ie io." Sady ty hafa nivola hozo: "Aha, fa mitovy aminy avao ie." Fa ie koa nanao hozo: "Zaho toy."¹⁰Hoasan-drozy taminy hozo: "Ka le ino moa ro nahita ty masonao?" ¹¹Namaly ie hozo: "Azy lahilahy kaihy hoe Jesosy iny ro nanao feta sady nanosotsy zay tamy ty masoko ka le nivola tamiko hozo: 'Mandehana a-Siloama any sady sasao ty masonao.' Le nandeha zaho sady nanasa zay, ka le nahita." ¹²Hoasan-drozy taminy hozo: "Aia Ie? Le nivaliny hozo: "Tsy haiko."¹³Nandesin-drozy tamy ty fariseo eo azy lahilahy ze jiky taloha iny. ¹⁴Tamy ty andro Sabata moa ro nananova i Jesosy ty feta noho nampahitany ty masony. ¹⁵Sady nanontany azy ndraiky Fariseo rey ty amy ty fomba nahitany. Hoy ie tamin-drozy hozo: "Nasiany feta ty, asoko, nisasako, ka le mahita zaho zao." ¹⁶Ty ilany tamy fariseo rey nivola hozo: "Tsy baka amin-Janahary lahilahy toy safe tsy mba manaja ty andro Sabata." Ty hafa nanao hozo: "Ino ro afaha ty olo mpanota manao fahaiza bevata manahaky zao?" Ka le nisy fizarazara tamin-drozy eo. ¹⁷Ka le nimpoly nanontany lahilahy jiky iny ndraiky ndrozy hozo: "Ino ro hambaranao mikasiky Azy, zisky amy ty nampahiraty ty masonao?" Hoy azy ahilhy jiky hozo: "To-resaky Ie." ¹⁸Sady mbo tsy nino ty mikasiky azy avao Jiosy rey hoe ie ro fa jiky ka le nahita laha tsy nikaiky ty raty aman-drenipy azy lahilahy nahita iny ndrozy. ¹⁹Nanontany ray aman-dreny rey ndrozy hozo: "Toy va azy ananareo ze volaninareo fa hoe teraky jiky iny? Ka ino sady ro ahitany zao?" ²⁰Sady le nivaly ray amandren-dreniny rey hozo: "Hainay fa ananay io sady teraky jiky ie. ²¹Fe ty amy ty nahitany, tsy hainay, sady ze nampahita ty masony, tsy hainay. Anontaneko azy, fa bevata ie. Afaky mivola ho ahy ty vatany ie." ²²Nilaza zay ray aman-dreniny rey, safe natahotsy Jioay rey ndrozy. Safe fa nifananky Jiosy rey fa laha misy manenky Azy ho Kristy, le ho roahy hiala amy ty synagoga ao ie. ²³Noho ty amy zay, ro nivola ray aman-dreny rey hozo: "Fa bevata ie, ie ro anontaneo." ²⁴Sady nikaiky azy lahilahy jiky taloha iny fanindroeny ndraiky ndrozy le nivola taminy hozo: "Ameo voninahitsy Njanahary. Hainay fa mpanonta lahilahy zay." ²⁵Bakeo le namaly azy lahilahy iny hozo: "Tsy haiko aloha laha mpanonta Ie. Ty iko aloha ke zao: fa nijiky zaho taloha, fa amy zao zaho mahita." ²⁶Bakeo le hoasan-drozy taminy hozo: "Fa ino ro nanoviny taminao? Ino ty fomba nampahitany ty masonao?" ²⁷Le namaly ie hozo: "Fa nambarako taminareo, fa tsy nijanjy nareo! Ka le nanino nareo ro te-hijanly zay ndraiky? Te-ho anay ty mpianatsiny vao koa va nareo, sa tsy zay?" ²⁸Nikizaky azy ndrozy ka le nivola hozo: "Nareo ro mpianatsiny, fa zahay mpianatsy i Mosesy. ²⁹Haianay fa niresaky tamy i Mosesy Njanahary, fa laha lahilahy zay le tsy hainay ze niaviany." ³⁰Le namaly lahilahy iny ka le nanao tamin-drozy hozo: "Mahatseriky zay, tsy hainareo ze niaviany, nefa nampahita ty masoko Ie. ³¹Haintsika fa tsy mijanjy mpanota Njanahary rey, fa laha misy mazoto mivavaky noho manao ty sitsapony, le mijanjy azy Ie." ³²Zisiky amy ty nanomboja ty tany iaby toy le tsy mbo re mihintsy hoe nisy nampahita ty maso ze teraky jiky. ³³Ka le laha tsy baka amin-Janahary lahilahy zay, le tsy mahefa ndra ino ndra ino." ³⁴Sady le namaly ndrozy ka le nanao taminy hozo: "Tena teraky tamy ty ota iha, le iha ndriky va ro hampianatsy anay?" Bakeo le nitoahin-drozy hiboaky ie. ³⁵Re i Jesosy fa niroahin-drozy tamy ty synagoga ao ie. Sady Ie nahita azu le nivola hozo: "Mino ty anan'olo va iha?" ³⁶Namaly ie hozo: "Ia moa ro Ie, Tompo, mba hinoako Azy?" ³⁷Jesosy nanao taminy hozo: "Fa nahita Azy iha, sady azy raiky ze miresaky aminao zay zao." ³⁸Hoy azy lahilahy iny hozo: "Tomp, mino zaho." sady nanompo Azy ie. ³⁹Jesosy nivola hozo: "Fa fitsara ro niaviako amy ty tany iaby toy mba hahita ze jiky rey sady mba hanjary jiky ze mahita rey." ⁴⁰Nahare zay ty ilany tamy Fariseo ze naniraky taminy ka le nanontany Azy rey hozo: "Sady zahay avao koa va jiky?" ⁴¹Fa Jesosy nivola tamin-drozy hozo: "Laha jiky nareo, le tsy ho nanan-kelo, fa nareo koa amy zao mibola hozo: 'Mahita zahay,' le mbo mipetsaky ty helokinareo."

Chapter 10

¹"Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa ze tsy militsy ty vavahady ho amy ty valan'aondry, fa manganiky lala hafa, le mpangalatsy noho mpandrava ie. ²Fa ze militsy ty vavahady Koa ro mpiemby aondry soa. ³Ie ro vaha ty mpiemby vavahasy. Mahare ty feony ty aondry, sady ie mikaiky ty aondry manoka aky ty anarany ka le manday azy miboaky. ⁴Lafa nampiboaky ty azy iaby ie, le nitari-dala androzy, sady manoriky azy ty aondry, safe mahay ty feony. ⁵Sady tsy hanoriky vahiny ndrozy fa hily azy koa, safe tsy hainy ty feo ty vahiny." ⁶Jesosa nivola fanohara zay tamin-drozy, safe tsy azon-drozy vasa raha nibolaniny tamin-drozy rey. ⁷Le hoy ndraiky Jesosa tamin-drozy hozo: "Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa Zaho ro vavahadin'aondry. ⁸Ze iaby avy talohako ro mpangalatsy noho mpandrava, safe tsy nijanjanjy androzy ty aondry. ⁹Zaho ro vavahady. Laha misy militsy amy ty alalako ao, le ho voasarombaky ie; hilitry noho hiboaky ie sady hahita ty fihinana. ¹⁰Fa ty mpangalatsy tsy avy laha tsy hangalatsy noho hamono sady handrava. Fa Zaho koa avy mba hananan-drozy fiaina sady hana zay bevata mare. ¹¹Zaho ro mpiemby soa. Ty mpiemby soa ro manome ty ainy hamonjea ty aondry. ¹²Ty mpikarama ro tsy mpiemby sady tsy tompo ty aondry. Laha nahita alika-li mamonjy ie le hiala ty aondry ka le hiala, sady ty alika-li manambotsy noho mampiparitaky androzy. ¹³Milay ie safe mpikarama ka le tsy midary ty aondry. ¹⁴Zaho ro mpiemby aondry soa, sady haiko ty Ahy, sady hainy Zaho. ¹⁵Njanahary mahay Ahy, sady Zaho mahay Njanahary, sady Zaho manome ty aiko ho ahy ty aondry. ¹⁶Mana aondry hafa ze tsy amy vala toy Zaho. Tsy maintsy ho andesiko avao koa reny, sady ndrozy hahare ty feoko mba ho avy pakony raiky avao noho mpiemby raiky. ¹⁷Zao ro antony hitiava Njanahary Ahy: Mahafy manome ty aiko Zaho mba handrambesako zay ndraiky. ¹⁸Tsy misy mangalaky zay amiko, fa ty vatako avao ro manome zay. Mana fahefa hanome zay Zaho, sady mana fahefa hangalaky zay ndraiky. Lily zay ro azoko baka amy ty Babako." ¹⁹Nisy fozarazara ndraiky tany Jiosy noho sava rey. ²⁰Lako tamin-drozy ro nivo, a hozo: "Mana demonia ie sady gegy. Nanino nareo ro mijanjanjy Azy?" ²¹Ty ilany nivola hozo: "Tsy fivolana ty olo misy demonia zay. Moa ty demonia afaky mampahita ty maso ty Jiky?" ²²Bakeo avy ty fety ty fanokana ta Jerosalema ao. ²³Maninty tany zay, sady Jesosa nitsanga tan-kianja ty egilizy eo tany ty fialofa i Solomona eo. ²⁴Bakeo nisamboria Jiosy rey le sady nivola taminy hozo: "Zisiky-ombia ro hampisalasalanao anay? Laha Iha ro Kristy, le ambarao mibaribary aminay." ²⁵Sady Jesosa namaly androzy hozo: "Fa nambara anareo zaho, fa tsy mino nareo. Asa ze anoviko amy ty anara ty Babako rey, ro manambara ty mikasiky Ahy rey. ²⁶Nefa nareo tsy mino safe tsy mba aondry. ²⁷Mahare ty feoko ty andriko; haiko ndrozy, sady manaraky Ahy. ²⁸Ameako androzy ty fiaina zisiky farany; ka le tsy ho maty zisiky farany ndrozy, sady tsy hisy handrava azy am-pelatanako eo. ²⁹Ty Babako, ze nanome Ahy rey, le bevata noho ty hafa iaby, sady tsy misy mahavita mandrava androzy am-pelatanaka ty Njanahary eo. ³⁰Zaho noho Njanahary le raiky avao." ³¹Bakeo nangalaky vato ndraiky Jiosy rey mba hitoraky-vato Azy. ³²Sady Jesosa namaly androzy hozo: "Lako ty asa soa natoroko anareo baka amy Njanahary. Ka le ino tany asa reny ro hitorahanareo vato Ahy?" ³³Namaly Androzy Jiosy hozo: "Tsy ty asa soa ro hitorahanay vato anao, fa ty fivolana-raty, safe iha, olombelo, ro manao ty vatanao ho Njanahary. ³⁴Namaly androzy Jesosa hozo: "Tsy fa voasoratsy amy ty lalanareo ao va hozo: 'Hoy Zaho hozo: 'njanahary nareo'?" ³⁵Laha nikaiky rey ho njanahary ie, le ho an'ia zay ro niavia ty safan-Janahary (sady ty Soratsy Masy ro tsy azo arava), ³⁶moa va azy nihamasiny Njanahary iny noho nirahy ho amy ty tany iaby toy ro anovinareo hozo: 'Mivola raty Iha,' noho Zaho nivola hozo: 'Zaho ro Anan-Janahary'?" ³⁷Laha tsy manao asa Babako rey Zaho, le ka mino Ahy. ³⁸Fa laha manao reny Zaho, ndra tsy mino Ahy aza nareo, le minoa asa rey mba hahazanareo noho hahazoanareo fa Njanahary ro Amiko ato sady Zaho amy Njanahary ao." ³⁹Mbo naniry ty hanambotsy Azy ndraiky ndrozy, fa nilay Ie. ⁴⁰Le nana an-dafy i Jordana any ndraiky Ie ho amy azy toera nananava i Jaona batisa velohany iny any, sady nipetsaky eo. ⁴¹Lako ty olo namonjy Azy sady hoasa-ndrozy hozo: "Jaona tsy mb nanao fahaiza, fa ty raha iaby nivolany i Jaona mikasiky lahilahy io ro marina." ⁴²Lako ty olo nino Azy eo.

Chapter 11

¹Sady nisy lahilahy raiky narary kaihy hoe Lazarosy. Baka Betania ao ie, tanà i Maria noho Marta rahavaviny.

²Maria ro nanosotsy menaky manitsy ty Tompo noho nanalio ty tombokiny tamy ty volony, sady Lazarosy anadahiny ro narary.³Sady mpirahavavy naniraky olo ho amy Jesosy any rey, nivola hozao: "Tampo, henteo, fa marary azy teanao iny."⁴Lafa re i Jososy zay, le hoy Ie hozao: "Tsy fahafatesa ro hiafara arety toy, fa koa ho fanoroa ty voninahitsin-Janahary mba hanondrotsy ty Anan-Janahary amy ty alala zay."⁵Sady Jesosy ro tea an'i Marta noho ty rahavaviny sady Lazarosy.⁶Ka le lafa nahare Jesosy fa marary Lazarosy, le mbo nijano ndroe andro tamy ty toera nisy Azy Ie.⁷Sady tafara zay, le nivola tamy mpianatsy rey Ie hozao: "Ndao tsika ho a-Joda any ndraiky."⁸Hoy mpianatsy rey taminy hozao: "Raby, amy zao le maniry ty hitoraky-vato Anao Jiosy rey, k le mbo himpoly ho any ndraiky va Iha?"⁹Sady namaly Jesosy hozao: "Tsy folo roe amby va ty fahazava ty andro? Laha misy olo mandeha amy ty andro mazava, le tsy ho heloky ie, safe mahita ty fahazava ty tany iby toy."¹⁰Nefa, laha mandeha amy ty haly ie, le ho heloky safe tsy aminy ao ty fahazava."¹¹Nivola raha rey Ie, sady tafara raha rey, le hoy Ie tamin-drozy hozao: "Andesin-droro Lazarosy namantsika, fa handeha Zaho mba hafahako mamoha azy amy ty roro."¹²Ka le hoy mpianatsy rey taminy hozao: "Tampo, laha andesin-droro ie, le ho soa."¹³Nefa Jesosy nivola ty fahafatesany, fe nidinihin-drozy fa fiala-havozaha amy ty roro ro nivolinany.¹⁴Bakeo Jesosy nivola moramora tamin-drozy hozao: "Maty Lazarosy."¹⁵Faly zaho, noho ty aminareo, fa tsy tany Zaho mba hahavy anareo hi o. Handeha tsika ho aminy any."¹⁶Tomasy, ze kaihe hoe Didymo, le nivola tamy mpianatsy namany rey hozao: "Handeha koa tsika mba hiara-maty amy i Jesosy."¹⁷Lafa avy Jesosy, le hitany fa nalevy efats'andro tan-dolo ao Lazarosy.¹⁸Sady Betania ro fa mariny an'i Jerosalema, amy ty folo limy amby stadio eo ro anivony.¹⁹Lako Jiosy niavy rey tamy i Marta noho Maria ao, mba hampahery androzy noho ty fahafatesa ty anadahin-drozy rey.

²⁰Bakeo Marta, lafa nahare fa niavy Jesosy, le nandeha nitsena Azy, fa Maria koa nipetsaky tan-tsano ao.²¹Le nivola tamy i Jesosy Marta hozao: "Tampo, laha teto iha, le tsy maty ty anadahiko."²²Nefa ndra le amy zao aza, le haiko fa ndra ino ndra ino angatahinao amin-Janahary, le hameany anao zay."²³Hoy Jesosy taminy hozao: "Ty anadahinao ro hitsangako-ho velo ndraiky."²⁴Marta novola taminy hozao: "Haiko fa hitsanga ndraiky ie amy ty fitsangana ty maty amy ty andro farany."²⁵Le hoy Jesosy taminy hozao: "Zaho ro fanangana ty maty sady fiaina; ze mino Ahy, ndra le maty aza ie, le ho velo;²⁶sady ndra ia ndra ia velo ka le mino Ahy le tsy ho faty zisiky farany. Mono zay va iha?"²⁷Hoy ie taminy hozao: "Eka, Tompo, mino zaho fa Iha ro Kristy, Anan-Janahary, azy ho avy amy tany iaby toy eto."²⁸Lafa vaovolany zay, le nandeha ie nikaiky milamy an'i Maria rahavaviny. Hoy ie hozao: "Niavy ty Mpampianatsy sady mikaiky anao ie."²⁹Lafa re i Maria zay, le nitsanga malaky ie le nana aminy any.³⁰Sady Jesosy tsy mbo niavy tan-tanà ao fa mbo tamy azy toera nitojeha i Maria taminy iny eo avao.³¹Laha zay Jiosy rey, ze niaraky taminy tan-tsano ao noho nampahery azy, lafa nahita an'i Maria nitsanga malaky ka le nandeha niboaky, le nanoriky azy, nihevitsy fa handeha hitany amy ty lolo any ie.³²Lafa avy tamy ty toera nisy an'i Jesosy any i Maria ka le nahita Azy, le nandohaliky ie sady nivola taminy hozao: "Tampo, laha teto iha, le tsy maty ty anadahiko."³³Lafa nahita azy notany Jesosy, sady Jiosy niaraky taminy rey koa nitany, le vonto ty fanahiny sady velo ty sandriny Ie;³⁴le hoy Ie hozao: "Taia ro nandevenanareo azy?" Le hoy ndrozy taminy hozao: "Tampo, avia sady Henteo."³⁵Nitany Jesosy.³⁶Bakeo hoy Jiosy rey hozao: "Henteo ty habevata ty fitiavany an'i Lazarosy!"³⁷Fa ty ilany tamin-drozy nivola hozao: "Moa va tsy hay azy lahilahy iny toy, ze nampahita ty maso azy jiky iny, ty manao ze tsy ho nahafaty lahilahy toy koa?"³⁸Bakeo ndraiky Jesosy, laha mbo meloky ty fanahiny, le nana amy ty lolo eny. Sady zohy zay, sady misy vato misaro azy.³⁹Hoy Jesosy hozao: "Alao hiala ty vato."Marta, anabavy i Lazarosy, azy maty iny, nivola tamy i Jesosy hozao: "Tampo, fa maimbo ty vatany laha amy fotoa zao, safe efats'andro zao ro nahafatesany."⁴⁰Sady Jesosy nivola taminy hozao: "Tsy fa nivolaniko anao va fa, laha nino iha, le ho hitanao ty voninahitsin-Janahary?"⁴¹Le nalan-drozy ty vato. Jesosy nanondrotsy ty masony ka le nivola hozao: "Njanahary ô, misaotsy Anao Zaho safe nijanjy Ahy Iha."⁴²Haiko fa mijanjy Ahy zisiky farany Iha, fa noho ty olo lakp mitsanga miodidy Ahy ro nivolaniko zay, mba hafahan-drozy mino fa Iha ro naniraky Ahy."⁴³Lafa baka nivola zay Ie, le nikaiky tamy ty feo mare hozao: "Lazarosy, miboaha!"⁴⁴Niboaky azy lahilahy maty iny; nisy fehim-paty ty tombokiny noho ty tanany, sady voafehy siky koa ty tarehiny. Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Vahao ie sady engao handeha."⁴⁵Bakeo lako tamy Jiosy ze avy tamy i Maria rey noho nahita ty nanovy i Jesosy, ro nino Azy;⁴⁶Fa ty ilany tamin-drozy koa lasa nandeha nana amy ty Fariseo any sady nivola tamin-drozy ty raha nanovy i Jesosy.

⁴⁷Bakeo ty loha ty mpisoro noho ty Fariseo namory ty Synedriona niaraky sady nanao hozao: "Ino ro hanovintsika? Lahilahy toy ro manao fahaiza lako."⁴⁸Laha engantsika amy zao Ie, le hino Azy ty iaby; sady ho avy ty Romana hangalaky ty tanàntsika noho ty fireneantsika."⁴⁹Nefa, nisy lahilahu raiky tamin-drozy, Kaiafa, ze mpisorobey tamy tao zay, nanao tamin-drozy hozao: "Nareo ro tsy mahay ndra ino ndra ino."⁵⁰Tsy mierotseritsy nareo fa soa ho ahy nareo laha lahilahy raiky ro maty ho ahy ty olo manahaky ze ty firenea iaby ro rava."⁵¹Sady

ze nivolaniny ro tsy nanoviny ho azy avao. Fa koa, noho ie mpisorobey tamy tao io, le nito-resaky fa tokony ho faty ho ahy ty firenea Jesosy;⁵² sady tsy ho ahy ty firenea avao, fa mba hampiraiky ty anan-Janahary ze niparitaky koa.⁵³ Ka le nanomboky tamy andro io le nanao tetiky ty fomba hamonoa an'i Jesosy ndrozy.⁵⁴ Sady Jesosy tsy nandeha nibaribary tamy Jiosy rey eny sasy, fa niala teo le nana amy ty tany mariny ty efitsy any ho an-tanà anovy hoe Efraima any. Sady nipetsaky tao le noho mpianatsy rey.⁵⁵ Sady fa mariny ty Pasky ty Jiosy, sady lako tamy ty tany ambaliky ty tanà rey any ro niakatsy ta Jerosalema ao aloha ty Paska mba hanalio ty vatan-drozy.⁵⁶ Nila an'i Jesosy ndrozy, sady nitsanga tamy ty Egilizy eo nifampiresaky hozao: "Ino ro eritseritsinareo? Hoe tsy ho avy amy ty andro fifalefalea va Ie?"⁵⁷ Sady fa nanome beko ty loha ty mpisoro noho ry Fariseo fa laha misy mahay ty misy an'i Jesosy, le tokony mivola ie mba hanamboaran-drozy Azy.

Chapter 12

¹Enin'andro aloha ty Paska, le niavy ta Betania ao Jesosy, ze nipetsaha i Lazarosy, azy fa natsanga i Jesosy tamy maty iny. ²Ka le nanao hany ho Azy ndrozy, sady Marta ro nandroso androzy, fa Lazarosy koa le anay rey niaraky-nioetsaky tamy i Jesosy tamy ty latabatsy eo, ³Bakeo Maria nangalaky mena manitsy jojoabo raiky ze vita tamy ty narda sarotsy eo, ka le nanosotsy ty tombo i Jesosy tamy zay, sady namafa ty tombony tamy ty volon-dohany. Atsiky ty hanitsy azy menaky ty rano iny. ⁴Sady Jodasy Iskariota, raiky tamy mpianatsiny rey, ze hamitaky Azy, nanao hozo: ⁵"Nanino menaky io ro tsy navily 300 ariary le namea ty mijaly?" ⁶Sady ie mivola zay, tsy noho ty fiferinesany ty mijaly, fa safe mpangalatsy ie: tamy ty kitapon-jala eny sady ho nangalariny ze nanovy ao. ⁷Jesosy nanao hozo: "engao ie mba hitandraky ze hananany ho amy ty andro handevena Ahy. ⁸Ho aminareo eo zisiky farany ty mijaly, fa Zaho koa tsy ho aminareo eo zisiky farany." ⁹Sady nisy olo lako mare tamy Jiosy rey nahay fa teo Jesosy, ka le namonjy ndrozy, tsy ho an'i Jesosy raiky avao, fa mba hahita an'i Lazariosy avao koa, azy natsanga i Jesosy tamy maty iny. ¹⁰Loha ty mpisoro rey ro nitetiky niaraky mba hafahan-drozy manosiky an'i Lazarosy amy ty fahafatesa avao koa; ¹¹safe noho le ro nahavy ty halakoa i Jiosy nandeha sady nino an'i Jesosy. ¹²Lafa maray iny le olo lako ro avy tamy ty andro fifalefalea. Lafa ren-drozy fa ho avy a-Jerosalema ao Jesosy, ¹³le nangalaky sampan-drifia ndrozy sady niboaky ka nitsena Azy tamy ty antso mare hozo: "Hosanna! Sambatsy lahy azy baka amy ty anara ty Tompo iny, Azy mpanjakan'Israely iny." ¹⁴dy Jesosy nahita ana-boriky raiky ka le nipetsaky tanabony eo; ¹⁵Manahaky ty voasoratsy hozo: "Ka matahotsy, anak'ampe,a i Ziona; henteo, ingo tamy ty Mpanjakanareo, ze mipetsaky anabo ty ana-boriky eo." ¹⁶Tsy nahazo raha rey ty mpianatsiny tamy ty velohany; fa lafa nameam-boninahitsy Jesosy, le tiaron-drozy fa voasoratsy mikasiky Azy raha rey sady fa nanovin-drozy taminy zay. ¹⁷Sady olo lako ze niaraky taminy rey tamy ty nikaihiny an'i Lazarosy hiboky ty lolo noho nampitsanga azy tamy maty le samby nitsanga vavolombelo iaby. ¹⁸Laha antony zay avao koa ro nahavy ty olo lako hitsena Azy, safe ren-drozy fa nanao fahaiza zay Ie. ¹⁹Fariseo rey noho ze nifampiresaky hozo: "Henteo, tsy afaky manao ndra ino ndra ino nareo; ingo, manaraky Azy ty tany iaby toy." ²⁰Sady nisy grika kelikely tamy ze niakatsy hanompo amy ty fifalefalea any rey. ²¹Nana amy i Filipino any drozy, ze baka Betsaida any a-Galilia any, sady nanontany azy, manao hozo: ²²"Le nandeha Filipino ka le nivola tamy i Andrea; le nandeha Andrea niaraky tamy ty i Filipino, sady nivola an'i Jesosy ndrozy." ²³Jesosy namaly androzy ka le nanao hozo: "Fa niavy ty fotoa hanomeza voninahitsy ty Anak'olo. ²⁴Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa laha tsy latsaky amy ty tany ty voam-bary ka le maty, le mipetsaky amy ty vatany raiky zay; fa laha maty zay, le hamokatsy bevata. ²⁵Ze tea ty fiainany le hanary zay; fa ze malay ty fiainany amy tany iaby toy eto koa le hitandraky zay ho amy ty fiaina any zisiky farany. ²⁶Laha misy manompo Ahy, engao ie hanoriky Ahy; sady ze hipetsahako, le ao avao misy manompo Ahy, le mpiasako. Laha misy manompo Ahy, le hanome voninahitsy azy ty Njanahary." ²⁷Amy zao mangorohoro ty fanahiko sady ino ro tokony ho volaniko? 'Njanahary ô, sarombaho amy lera toy Zaho'? Nefa noho antony zay ro nahaviako amy fotoa zao. ²⁸Njanahary ô, hankalazao ty anaranao." Bakeo nisy feo anako baka an-danitsy any nanao hozo: "Fa nankalaza zay sady mbo ho hankalazako ndraiky." ²⁹Sady olo lako nitsanga teo rey noho nahare zay le nivola fa nisy hotsoky teo. Ty ilany nivola hozo: "Nisy anjely niresaky taminy." ³⁰Jesosy namaly sady nivola hozo: "Feo zay ro tsy avy ho Ahy, fa ho ahy nareo. ³¹Avy amy zao ty fitsara ty tany iaby toy: Sady le ho roahy ty mpanapaky ty tany iaby toy." ³²Lafa hasondrotsy hiala amy ty tany Zaho, le hitao ty kirai-draiky hanoriky Ahy." ³³Nivolaniny zay mba hanoroa hoe karaza fahafatesa manahaky ty ino ro hafaty azy. ³⁴Olo lako rey namaly Azy hozo: "Renay tamy ty lalà fa Kristy ro hijano zisiky farany. Ino ro hahazoanao mivola hozo: 'Ty Anan'Olo ro tsy maintsy hasondrotsy'? Ia Anan'O,o zay?" ³⁵Bakeo Jesosy nivola androzy hozo: "Ty hazava ro mbo hiaraky aminareo anay ty fotoa kelikely. Mandehana diany mbo mana hazava, mba tsy hafaha ty haiky aloha nareo. Ze nandeha amy ty haiky le tsy mahay ty lala handehanany. ³⁶Laha mbo mana ty hazava nareo, le minoa zay mba ho anaky ty hazava nareo." Jesosy nivola raha rey sady bakeo le tsy hita sady nanenty androzy. ³⁷Ndra le nanao fahaiza lako tanilan-drozy eo aza Jesosy, le tsy ninoan-drozy ³⁸mba ho tanteraky ty safan'Isaia to-resaky, ze nivolaniny hozo: "Tompo, ia ro nino ty tatitsiny, sady ie ro nampitoroe ty sandry ty Tompo?" ³⁹Laha antony zay le tsy ninondrosy, manahaky ty voavolan'Isaia zisky any hozo: ⁴⁰"Nanoviny jiky ty mason-drozy, sady nzmmpagereziny ty fon-drozy; mifanohitsy amy zay ndrozy le te-hahita amy ty mason-drozy sady hahazo amy ty son-drozy, ka le hitoliku, sady Zaho hanafaky androzy." ⁴¹Isaia nivola raha rey safe hitany ty voninahitsy i Jesosy ka le niresaky milasiky Azy, ⁴²Nefa bdra zay aza, le lako tamy mpanapaky rey ro nino an'i Jesosy; fa laha Fariseo rey, le tsy nikaiky zay ndrozy mba tsy ho voasaka ho amy ty synagoga ao. ⁴³Tean-drozy vatany ty fanompo baka amy ty olo laha ty fanompoa baka amin-Janahary. ⁴⁴Jesosy nikaiky mare ka le nivola hozo: "Ze raiky mino Ahy, ka mino Ahy raiky avao fa koa le ze naniriky Ahy, ⁴⁵sady ze raiky mahita Ahy le mahita ze naniraky Ahy. ⁴⁶Zaho ro avy manahaky ty hazava teto tamy ty tany iaby toy, mba tsy hipetsaky anay haiky ze mino Ahy ao. ⁴⁷Laha misy mahare ty safako nefa tsy

miemby zay, le tsy hitsara azy Zaho; safe Zaho tsy avy hitsara ty tany iaby toy, fa hanavotsy ty tany iaby toy.⁴⁸ Ze mandà Ahy noho tsy mandramby ty safako, le mana raiky ze mitsara azy. Azy safa ze nivolaniko iny ro hitsara azy amy ty andro farany. ⁴⁹Fa Zaho tsy mivola ho Ahy, fa azy Raiky ze naniraky Ahy iny, ze nanome Ahy ty lily amy ze ho volany noho ho volany. ⁵⁰Haiko fa ty liliny ro fiaiana zisiky farany, ka le ze volaniko_ro volaniko manahaky ze nivolany ty Njanahary tamiko."

Chapter 13

¹Sady andro aloha ty fifalefalea ty Paska zao. Hay i Jesosy fa avy ty lera hialany amy ty tany iaby toy eo ka le handeha amy Njanahary any. Lafa nitea ty mpiaraky-lia taminy tany ty tany iaby toy teto Ie, le nitea androzy zisiky amy farany. ²Sady ty devoly ro fa nampipetsaky ty tany iaby toy an-tsay i Jodasy ao Iskariota anai Simona, le ty hamitaha an'i Jesosy. ³Ie ro nahay fa ty raha iaby ro fa napetsaky ty Njanahary tam-pelatanany eo sady Ie ro baka amin-Janahary sady himpoly amin-Janahary any. ⁴Nitsanga Ie tam-pihinana eo sady nangalaky ty salotsiny ambaliky. Bakeo Ie nangalaky siky sady nisalotsy zay. ⁵Bakeo nandraraky rano tanay sihoa ao Ie le nanomboky nanasa ty tombo ty mpianatsy sady namafa androzy tany azy siky nisalorany iny. ⁶Namonjy an'i Simona Petera Ie, sady hoasa Petera taminy hozo: "Tompo, hanasa ty tomboko va Iha?" ⁷Jesosy namaly sady nivola taminy hozo: "Ze anoviko ro mbo tsy ho azonao zao ty hevitsiny, fa ho azonao avao zay afara any." ⁸Hoasa Petera taminy hozo: "Tsy hanasa ty tomboko mihintsy Iha." Jesosy namaly azy hozo: "Laha mana anjara amiko ato iha." ⁹Hoasa Simona Petera taminy hozo: "Tompo, aza ty tomboko avao ro sasa, fa ty tanako noho ty lohako avao koa." ¹⁰Hoasa Jesosy taminy hozo: "Ze fa niandro ro tsy mila zay, hafa-tsy ty manasa tombony avao, fa ie ro fa malio tanteraky; iha ro malio, fa tsy ty iaby nefa." ¹¹(Safe fa hay i Jesosy hoe ia azy hamitaky Azy iny; zay ro dikany nivolaniny hozo: "Tsy nareo iaby ro malio.") ¹²Ka le lafa baka nanasa ty tombon-drozy Jesosy noho nangalaky sikiny rey kable nipetsaky ndraiky, le hoy Ie tamin-drozy hozo: "Hainareo va ty nanoviko ho ahy nareo?" ¹³Kaihonareo Zaho hoe 'mpampianatsy' noho 'Tompo,' sady marina ty voavolanareo, safe zay vatany Zaho. ¹⁴Nefa laha Zaho, sady Tompo ro mpampioanatsy, ro nanasa tombonareo, nareo avao koa ro tokony hifanasa ty tombonareo. ¹⁵Safe fa nanome ohatsy ho ahy nareo Zaho ka le mba tokony hanao manahaky ze nanoviko ho ahy nareo avao koa nareo. ¹⁶Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa ty mpoasa ro tsy bey vatany noho ty tompony; ndra koa ty mpanday hafatsy le tsy bey vatany noho azy naniraky azy. ¹⁷Laha hainareo raha rey, le ho tahie nareo laha manantanteraky zay. ¹⁸Tsy nareo iaby ro resahiko; haiko ze nitinginiko rey--fa zay ro mba hahantanteraky ty Soratsy Masy hozo: 'Ze mihina ty mofoko le nanondrotsy ty afara-tombokiny hamitaky Ahy.' ¹⁹Volaniko aminareo zao aloha ty hitsanganany mba lafa mitsanga zay, le mety hino nareo fa Zaho ro Ie. ²⁰Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa ze mandramby ze nirahiko, le mandramby Ahy, sady ze mandramby Ahy, le mandramby Azy ze naniraky Ahy. ²¹Lafa nivola zay Jesosy, le nangorohoro ty fanahy. Nanambara Ie sady nivola hozo: "Volaniko aminareo, marina, le marina vatany fa hisy raiky aminareo hamitaky Ahy." ²²Nifanenty mpianatsy rey, nanontany tena hoe ia nivolaniny zay. ²³Nisy raiky tany mpianatsiny rey, ze tea i Jesosy, nipetsaky tany ty latabatsy amy sisiny i Jesosy eo. ²⁴Namonjy mpianatsy io Simona Petera sady nivola hozo: "Anontaneo Azy hoe ia volaniny zay." ²⁵Ka le nimpoly nianky tany i Jesosy ie sady nivola taminy hozo: "Tompo, ia zay?" ²⁶Bakeo Jesosy namaly hozo: "Azy raiky ze haloko noho hameako mofo toy iny zay." Ka le lafa nalony ty mofo, le nameany an'i Jodasy ana i Simona Iskariota zay. ²⁷Sady tafara ty mofo, le nilitsy taminy ao satana, ka le hoy Jesosy taminy hozo: "Ze anovinao, anovo malaky zay." ²⁸Tany ze iaby tan-databatsy rey eo tsy nisy nahay ty antony nivolaniny Jesosy azy zay. ²⁹Ty ilany nieritseritsy hoe, safe Jodasy ro nitandraky ty kitapon-jala, ro nivolaniny i Jesosy taminy hozo: "Vilio ty raha iaby ilantsika amy ty andro fifalefalea, " ndra hoe tokony hanome raha ho ahy ty mijaly ie. ³⁰Laha vo baka nandramby ty mofo Jodasy, le nandeha niboaky direkita ie. Haly ty andro tany zay. ³¹Lafa nandeha Jodasy, le hoasa Jesosy hozo: "Amy zao le ameam-boninahitsy ty Anan'Olo, sady Njanahary ro ameam-boninahitsy aminy ao. ³²Njanahary ro hanome voninahitsy Azy amy ty vatany ao, sady Ie hanome voninahitsy Azy direkita. ³³Aja maliniky, fotoa kelikely sisa ro hiarahako aminareo. Hila Ahy nareo, sady manahaky ze nivolaniko tany Jiosy hozo: 'Ze andehanako, tsy azonareo andehana.' Sady volaniko aminareo koa zay amy zao. ³⁴Lily vaovao ro ameako anareo, sady ty hifankatiavanareo; manahaky ty nitiavako anareo, ro tokony hifankatiavanareo avao koa. ³⁵Amy zay ro hahaiza ty iaby fa mpianatsiko nareo, laha mifankatea nareo." ³⁶Hoy Simona Petera taminy hozo: "Tompo, fa handeha ho aia Iha?" Namaly Jesosy hozo: "Ze andehanako, le tsy afaky hanoriganareo Ahy zao, fa hanoriky anareo afara any." ³⁷Le hoasa Petera taminy hozo: "Tompo, nanino saho ro tsy afaky manoriky Anao henanizao? Hafaiko ho ahy Nao ty aiko." ³⁸Le namaly Jesosy hozo: "Hafoinao ho Ahy va ty ainao? Ambarako aminao, marina, le marina vatany, fa mbo tsy haneno aza ty akoho le fa handa Ahy in-telo iha."

Chapter 14

¹"Ka enga hangorohoro ty fonareo. Mino an-Janahary nareo, le minoa Ahy koa. ²Misy efitsy lako an-tsano ty Babako ao. Laha hohatsy ka le tsy zay, le fa nivola taminareo Zaho, fa hanoma toera ho ahy nareo. ³Laha handeha Zaho sady hanoma toera ho ahy nareo, le himpoly ndraiky Zaho sady handramby anareo Amiko ato, ka le ze misy Ahy ro hisy anareo koa. ⁴Nareo mahay ze andehanako." ⁵Hoasa Tomasy tamy i Jesosy hozao: "Tampo, twy hainay ze andehananao, ino ro hahazanay ty lala?" ⁶Hoasa Jesosy taminy hozao: "Zaho ro lala, fahamarina, sady fiaina; tsy misy mamonjy ty Njanahary laha tsy amy ty alalako. ⁷Laha nahay Ahy nareo, le tokony ho nahay ty Babako koa. Manomboky zao le haizonareo Ie sady fa hitanareo." ⁸Hoasa Filipino tamy i Jesosy hozao: "Tampo, atoro anay ty Raiky, le ampy ho anay zay " ⁹Hoy Jesosy taminy hozao: "Fa zisiky fa ela ro niarahako taminareo le mbo tsy hainareo avao va Zaho, Filipino? Ndra ia ndra ia nahita Ahy le nahita ty Njanahary. ka le ino ro hivolananareo hozao: 'Atoro anay ty Njanahary'?" ¹⁰Tsy mino va nareo fa amy Njanahary ao Zaho sady ty Njanahary amiko ato? Rey ze safa volaniko aminareo le tsy volaniko baka amy ty fahefako manoka, fa azy Njanahary velo iny anaiko ato ro manao ty asany. ¹¹Mino Ahy fa Zaho ro amy ty Njanahary ao, sady ty Njanahary amiko ato, laha tsy zay le minoa noho asa manoka rey. ¹²Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, ze mino Ahy ro hanao ty asa ze anoviko, sady hanao asa bevata mndilatsy noho rey ie safe ho amy ty Njanahary any Zaho. ¹³Ndra ino ndra ino angatahinareo amy ty Anarako, le tanterahiko zay mba hanomezam-boninahitsy ty Njanahary amy ty Anaky ao. ¹⁴Laha mangataky raha amy ty anarako nareo, le ho tanterahako zay. ¹⁵Laha tea Ahy nareo, le hiemby liliko rey, ¹⁶sady hivavaky amy ty Njanahary Zaho, le hanome anareo Mpampahery hafa Ie mba hp aminareo eo zisikyfarany ie--- ¹⁷ty Fanahy ty fahamarina. Tsy afaky mandramby Azy ty tany iaby toy safe tsy mahita ndra mahay Azy. Fa nareo koa mahay Azy, safe mipetsaky miaraky aminareo Ie sady ho anainareo ao. ¹⁸Tsy hanenga anareo ho raiky Zaho; mbo himpoly aminareo atoy Zaho. ¹⁹Afaky tofoa kelikely avao le tsy hahita Ahy sasy ty tany iaby toy, fa nareo mahita Ahy. Safe velo Zaho, le ho velo avao koa nareo. ²⁰Sady amy andro zay le ho hainareo fa amy ty Babako oa Zaho, sady nareo Amiko ato, sady Zaho aminareo ao. ²¹Ze mana liliko rey ka le miemby rey le ie azy tea Ahy iny, sady ze tea Ahy ro ho tiavy ty Babako koa, sady Zaho hitea azy noho hiseho amainareo." ²²Hoasa Jodasy (tsy Iskariota) tamy i Jesosy hozao: "Tampo, nanino iha ro hiseho aminay fa tsg amy ty fany iaby toy?" ²³Jesosy namaly sady nivola taminy hozao: "Laha misy olo tea Ahy, le hiemby ty safako ie. Hitea azy ty Babako, sady ho avy amany Zahay sady hamboatsy ty fipetsaha miaraky aminy. ²⁴Fa ze tsy tea Ahy ro tsy miemby ty safako. Ty safa ze renareo le tsy baka amiko fa baka amy ty Njanahary ze naniraky Ahy. ²⁵Fa nivolaniko taminareo raha rey, laha mbo nijano niaraky taminareo Zaho. ²⁶Nefa, azy mpampehery---azy Fanahy Masy iny, ze hirahy ty Njanahary amy ty Anarako_ ie ro hampianatsy anareo ty raha-iaby noho hampahatiaro ze iaby nivolaniko taminareo. ²⁷Fiadana ro engako ho ahy anareo; ameako anareo ty fiadanako. Tsy ameako ohatsy ty fanomeza ty tany iaby toy zay. Ka enga hangorohoro ty fonareo, sady ka matahotsy. ²⁸Fa renareo Zaho nivola taminareo hozao: ' Handeha Zaho, sady himpoly aminareo any ndraiky.' Laha nitea Ahy nareo, le tokony hifalifaly safe hana amy ty Njanahary any Zaho, safe ty Njanahary le bey vava noho Zaho. ²⁹Sady nivolaniko anareo manomboky ie mbo tsy mitsanga zay, mba hino nareo, lafa mitsanga zay. ³⁰Tsy hivola lako aminareo sady Zaho, fa ho avy ty mpanapaky ty tany iaby toy. Tsy mana fahefa Amiko ie, ³¹fa mba hahaza ty tany iaby toy fa teako ty Njanahary, le anoviko manahaky ty nibekoa ty Njanahary Ahy. Handeha hitsanga tsika sady hiala etoy."

Chapter 15

¹" Zaho ro tena voloboky, sady ty Babako ro mpamboly. ²Alany amiko ato ty rantsa iaby ze tsy mamoa voankazo, sady rantsaniny ty rantsa ze mamokatsy mba hamoa voankazo bevata mare zay. ³Fa malio nareo noho azy hafatsy ze nivolaniko taminareo iny. ⁴Mipetsaky amiko ato, sady Zaho aminareo ao. Manahaky ty rantsa tsy afaky mamokatsy voankazo amy ty vatany laha tsy mipetsaky amy ty voloboky ao zay, le manahaky zay koa nareo, laha twy mipetsaky amiko ao. ⁵Zao ro voloboky, nareo ro rantsa. Ze mipetsaky Amiko ato sady Zaho Aminy ao, le mamokatsy bey ie, fa laha tsy misy Ahy le tsy mahefa ndra ino ndra ino nareo. ⁶Laha misy olo tsy mipetsaky Amiko ao, le ho aria manahaky ty rantsa ie sady halazo, sady ndrozy mamory rantsa rey sady manary zay amy ty afo any, sady mafana ndrozy. ⁷Laha mipetsaky Amiko ao nareo, sady laha mipetsaky aminareo ao safako rey, angataho ndra ino ndra ino irinareo, le hanoviko aminareo zay. ⁸Ty Babako ro ameam-boninahitsy amy zao, le ty hamokaranareo voankazo bevata vatany ka le ho porofo fa mpianatsiko nareo. ⁹Manahaky ty nitiava i Njanahary Ahy, ro nitiavako anareo. Mipetsara amy ty fitiavako ao. ¹⁰Laha miemby liliko rey nareo, le hipetsaky amy ty fitiavako ao, manahaky ty niembenako lily ty Babako rey noho nipetsahako tamy ty fitiavany rey. ¹¹Nivola raha reny taminareo Zaho mba ho aminareo ao ty fifaleako sady mba ho atsiky ty fifaleanareo. ¹²Zao ro liliko, le ty hifankatiavanareo manahaky ty nitiavako anareo. ¹³Tsy misy manam-pitiava bevata mandilatsy noho zao, le ty manome ty ainy ho ahy ty namany rey. ¹⁴Namako nareo laha manao raha ibekoako anareo rey. ¹⁵Tsy hikaiky anareo hoe mpiasako sasy Zaho, safe ty mpiasa ro tsy mahay ze anovy ty tompony. Nikaihiko hoe bamako nareo, safe ty raha iaby ze reko tamy ty Babako, le nampahaiziko anareo. ¹⁶Tsy nitingy Ahy nareo, fa Zaho to nitingy anareo sady nanondro anareo mba handeha ka le hamokatsy, sady mba tokony hipetsaky ty vokatsinareo. Nanovy zay mba ndra ino ndra ino angatahinareo amy Njanahary amy ty Anarako, le hameany anareo zay. ¹⁷Raha rey ro ibekoako anareo mba hifankatiavanareo. ¹⁸Laha malay anareo ty tany iaby toy, haiko fa nalay Ahy ie taloha ty nalainany anareo. ¹⁹Laha baka amy ty tany iaby toy nareo, le ho tea ty tany iaby toy manahaky ty azy nareo. Fa safe tsy hy ty tany iaby toy nareo sady nitinginiko hiala amy ty tany iaby toy, laha zay le hala ty tany iaby toy nareo. ²⁰Tiarovo ty safa nivolaniko taminareo hozao: 'Ty mpiasa ro tsy bey noho ty tombony.' Laha nanenjiky Ahy ndrozy, le hanenjiky anareo koa; sady laha niemby ty safako ndrozy, le hiemby ty anareo koa. ²¹Hanao raha iaby rey aminareo ndrozy noho ty Anarako, safe tsy hain-drozy le ze naniraky Ahy. ²²Laha tsy avy noho nivola tamin-drozy Zaho, le tsy ho nanota ndrozy, fa amy zao tsy afaky-miala amy fy fahotany ndrozy. ²³Ze malay Ahy le maya ty Babako avao koa. ²⁴Laha tsy nahivita asa ze tsy nanovy ty olo-hafa rey tanivon-drozy eo Zaho, le tsy ho nana ty-heloky ndrozy, fa amy zao fa sady hitany ro halany Zaho noho ty Babako. ²⁵Fa zay le mba hahantanteraky ty safa ze voasoratsy amy ty lalàn-drozy ao hozao: 'Malay Ahy amy ty tsy misy dikany ndrozy.' ²⁶Lafa ho avy azy Mpampahery--- ze hirahiko aminareo baka amy ty Njanahary, azy Fanahy ty fahamarina, ze miboaky baka amy Njanahary---le hanambara ty mikasiky Ahy Ie. ²⁷Nareo avao koa ro mitsanga vavolombelo safe fa niaraky tamiko baka amy velohany any nareo.

Chapter 16

¹"Nivolaniko taminareo raha iaby zay mba tsy ho laginy nareo. ²Ho roahin-drozy amy ty synagoga ao nareo. Fa avy ty andro lafa lafa hihevitsy ze iaby mamono anareo fa ndrozy ro manome raha soa ho an-Janahary. ³Hanovin-drozy zay safe tsy mahay ty Njanahary ndra ty Vatako ndrozy. ⁴Nivolaniko anareo raha rey mba lafa avy ty keran-drozy rey, le ho tiaronareo fa nivolaniko taminareo ty mikasiky androzy. Tsy nambarako taminareo raha rey tamy velohany any, safe mbo taminareo eo Zaho. ⁵Fa Amy zao ho amy azy naniraky Ahy iny any Zaho, nefa tsy mbo nisy nanontany Ahy nareo hozao: "Handeha ho aia moa Iha?" ⁶Fa safe nivolaniko taminareo raha rey, le alahelo ro nanome ty fonareo. ⁷Fa volaniko marina aminareo, soa vatany ho nareo ty handehanako. Safe laha tsy mandeha Zaho, le tsy ho avy aminareo ty Mpampahery, fa laha mandeha Zaho, le handefa azy ho aminareo. ⁸Lafa avy ie, le hanaporofa amy ty tany iaby toy ho diso mikasiky ty fhoty, ty fahamarina, sady mikasiky ty fitsara--
⁹mikasiky ty fahota ty mpampahery, safe tsy mino Ahy ndrozy; ¹⁰mikasiky ty fahamarina, safe holy amy Njanahary sny Zaho, ka le tsy ho hitanareo sasy; ¹¹sady mikasiky ty fitsara, safe ty mpnapaky ty tany iaby toy le nitsara. ¹²Mana raha lako hambara aminareo Zaho, fa tsy ho azonareo ty hevitsy zay zao. ¹³Nefa, lafa avy ie, Fanahy ty Fahamarina, le hitariaky anareo ho amy ty fahamarina iaby, safe tsy hivola baka amy ty vatany ie. Fa hivola ze iaby rey ie, sady hivola aminareo raha ze ho avy rey. ¹⁴Hanome voninahitsy Ahy ie, safe ty baka amy ty Ahy avao ro hambarany aminareo. ¹⁵Ze iaby ana ty Njanahary le Ahy. Laha zay, nivola Zaho fa azy Fanahy iny ro hangalakany amy ze Ahy sady hivola zay aminareo. ¹⁶Afaky fotoa kelikely le tsy hahita Ahy sasy nareo, sady afaky fotoa kelikely hafa le hahita Ahy ndraiky nareo. ¹⁷Bakeo ty ilany tamy mpianatsiny nifampiresaky rey hozao: "Ino sady volaniny anysika zay hozao: 'Afaky fotoa kelikely le tsy hahita Ahy sasy nareo sady afaky fotoa kelikely hafa le hahita Ahy ndraiky nareo,' noho hozao: 'Safe hoamy ty Njanahary any Zaho?'" ¹⁸Laha zay le hoasan-drozy hozao: "Ino sady volaniny zay hozao: 'afaky fotoa kelikely'? Tsy hainay ty teany hanambara." ¹⁹Hita i Jesosy fa tehanontany Azy ndrozy, le hoy le tamin-drozy hozao: "Zao va ro anontaneanareo vata, le ty teako hambara amy ty fivola hozao: 'Fotoa kelikely noho tsy hahita Ahy sasy nareo, sady afaky fotoa kelikely ndraiky nefa le hahita Ahy nareo?'" ²⁰Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, fa hitany nareo sady hitoreo, fa ty tany iaby toy koa hifaly. Ho atsiky alahelo nareo, nefa ho hanjary hafelea alahelonareo zay. ²¹Lafa mitsongo ty ampela raiky le malahelo safe niavy ty fotoany, fa lafa teraky koa azy aja kelikely iny, le tsy tiarony sasy ty alahelony noho ty hafaleany fa nisy aja kelikely teraky amy ty tany iaby toy eo. ²²Ka le malahelo nareo amy zao, nefa Zaho mbo hotojiky aminareo ndraiky, sady ho faly ty fonareo, sady tsy hisy haharary hafaleanareo zay aminareo. ²³Amy andro zay le tsy hangataky amiko ndra ino ndra ino nareo. Volaniko aminareo, marina, le marina vatany, laha mangataky ndra ino ndra ino amy ty Njanahary amy ty anarako nareo, le hamesny anareo zay. ²⁴Zisiky amy zao neca tsy mbo nangataky ndra ino ndra ino tamy ty anarako nareo. Mangataha, le hamea nareo mba ho atsiky ty hafaleanareo. ²⁵Fa nivolaniko taminareo tamy ty fanohara raha rey, fa avy ty lera lafa tsy hiresaky aminareo amy ty fanohara sasy Zaho, fa koa hivola aminareo mazava ty mikasiky ty Njanahary. ²⁶Amy andro zay le hangataky amy ty anarako nareo sady tsy hivola anareo Zaho hoe hivavaky amy ty Njanahary ho ahy nareo, ²⁷fa ty Njanahary mihintsy ro tea anareo safe nitea Ahy nareo sady nino fa baka amy ty Njanahary any Zaho. ²⁸Baka amy ty Njanahary Zaho, sady avy tan-tany eto. Fa hiala ty tany iaby toy Zaho sady ho amy ty Njanahary any. ²⁹Hoy ty mpianatsiny taminy hozao: "Hentao, Amy zao Iha mivola mazava soa sady tsy mampiasa fanohara. ³⁰Hainay amy zao fa mahay ty raha-iaby Iha, sady tsy misy teanao hametsaky fanontanea aminao. Laha zay, le mino zahay fa baka amin-Janahary Iha." ³¹Namaly androzy Jesosy hozao: "Mino amy zay va nareo?" ³²go, niavy ty lera zao, eka, niavy vatany, lafa hipetsaky nareo. ty Kirai-draiky samby amy ty tsanony any iaby manoka, le henganareo raiky Zaho. Nefa tsy raiky Zaho safe miaraky amiko ty Njanahary. ³³Fa nivolaniko taminareo raha rey mba hana fiadana Amiko ato nareo. Mana raha mahazo anareo amy ty tany iaby toy eto, nefa mahereza: fa nandresy ty tany iaby toy Zaho."

Chapter 17

¹Lafa baka nivola raha rey Jesosy, le nandahatsy ty masonry ho amy ty lanitsy le ka le nanao hozao: "Njanahary ô, avy ty fotoa, mandrengy ty Ananao mba handrengea ty Anaky Anao_ ²manahaky ty nanomezanao Azy fahefa anabo ty nofotsy iaby mba hanomezany fiaina zisiky farany ho ahy ze iaby nameanao Azy rey.³Zao ro fiaina zisiky farany: le ty ahaizan-drozy Anao, azy Njanahary toka iny sady marina, sady le ze nirahinao, le Jesosy Kristy. ⁴Nandrengy Anao tan-tany eto zaho. Fa vitako ty asa ze nameanao Ahy ho anoviko. ⁵Amy zao, Njanahary, handrengeanao miarakany amy ty vatanao Zaho amy ty voninahitsy ze nananako niarakany taminao taloha ty nihare ty tany iaby toy.⁶Nampahay ty anaranao tany ty olo ze nameanao Ahy baka amy ty tany iaby toy Zaho. Anao raiky, sady nameanao Ahy, sady niembenany ty safanao. ⁷Amy zay hain-drozy fa ty raha iaby ze nameanao Ahy le baka amina, ⁸safe nameako androzy iaby ty safa ze nameanao Ahy. Nirambesin-drozy raiky sady hainy marina vatany fa baka taminao Zaho, sady nino ndrozy fa Iha ro naniraky Ahy.⁹Mivavaky ho androzy Zaho. Tsy mivavaky ho ahy ty tany iaby toy Zaho fa ho ahy ze nameanao Zaho rey, noho ndrozy Anao. ¹⁰Ty raha iaby ze Ahy le Anao, sady ze Anao le Ahy, sady hankalaza amy reny Zaho. ¹¹Tsy amy ty tany iaby toy sasy Zaho, fa olo rey ro amy ty tany iaby toy eto, sady manontany anareo Zaho. Njanahary Masy ô, tandraho amy ty anaranao ze nameanao Ahy ndrozy mba hiharo ho raiky, manahaky ty maha raiky Antsika.¹²Laha mbo tamin-drozy eo Zaho, le nitandraky androzy tany ty anaranao, ze nameanao Ahy. Niaro androzy Zaho, sady tsy nisy tsobo ndra raiky aza, hafa-tsy ty anaky ty fahatsoboa avao, mba ho tanteraky ty Soratsy Masy. ¹³Sady ho amina any Zaho, fa mivola raha rey amy ty tany iaby toy rey Zaho mba hahantanteraky ty hafaleako amin-drozy ao. ¹⁴Fa nameako androzy ty safanao, sady nandrengy ty tany iaby toy ie safe tsy baka amy ty tany iaby toy, manahaky Ahy tsy ahybty tany iaby toy.¹⁵Zaho eo tsy mangataky Amina ty hangalanao androzy amy ty tany iaby toy, fa ty mba hiarova androzy amy azy raty iny. ¹⁶Ndrozy ro tsy ahy ty tany iaby toy, manahaky Ahy tsy ahy ty tany iaby toy. ¹⁷Hamasino amy ty fahamarina ndrozy. Fa ty safanao ro fahamarina. ¹⁸Manahaky ty nanirahanao Ahy ho amy ty tany iaby toy, ro nanirahako androzy ho amy t y tany iaby toy avao koa. ¹⁹Fa noho ty fitiavako androzy ro nanamasinako ty vatako, mba hanamasina ty vatan-drozy amy ty fahamarina avao koa. ²⁰Zaho ro tsy mivavaky ho androzy avao, fa ho ahy ze hino Ahy amy ty alala ty safan-drozy rey koa ²¹mba ho raiky avao ie iaby, manahaky anao, Njanahary, amiko ato, sady Zaho amina ao. Mivavaky Zaho mba hino ty tany iaby toy fa naniraky Ahy Iha. ²²Ty vioninahitsy ze nameanao Ahy, le nameako androzy, mba ho raiky ndrozy, manahaky ty maha raiky antsika. ²³Zaho amin-drozy ao, sady Iha amiko ato--ka le ho tena raiky tenteraky vatany ndrozy, mba ho hay ty tany iby toy fa naniraky Ahy Iha, sady nitea androzy manahaky ty nitiavanao Ahy.²⁴Njanahary ô, ze nameanao Ahy rey ro teako hiaraky amiko ndra ia ndra ia misy Ahy, sady hahita ty voninahitsiko, azy voninahitsy ze nameanao Ahy iny safe nitea Ahy Iha taloha ty niharea ty tany iaby toy.²⁵Njanahary marina ô, tsy nahay Anao ty tany iaby toy, fa Zaho mahay Anao; sady ndrozy mahay fa naniraky Ahy iha. ²⁶Nampahaiziko androzy ty anaranao, sady mbo ho hampahaiziko zay mba ho amin-drozy ao ty fitiava ze nitiavanao Ahy, sady Zaho ho amin-drozy ao."

Chapter 18

¹Tafara ty nivola i Jesosy safa rey, le niboaky niaraky tamy mpianatsiny rey le ho ampita amy ty lohambaibondriaky ahy i Kidrona eny, ze nisy baibo nilirany noho mpianatsiny rey. ²Sady Jodasy, Ze hamitaky an'i Jesosy, nahay ty toera koa, safe nandeha san'andro teny Jesosy noho mpianatsiny rey. ³Bakeo Jodasy, nitariky goropy maramila rey noho mpiemby rahara ilany rey baka amy loha ty mpisoro rey noho Fariseo, nandeha tany niaraky tamy ty fanilo, fangala sady fitaovam-pialoa. ⁴Bakeo Jesosy, ze fa nahay ty raha iaby hitsanga Aminy, nandroso taloha eo sady nanontany androzy hozo: "Ia ro ilanareo?" ⁵Namaly Azy ndrozy hozo: "Jesosy baka Nazareta any." Sady hoy Jesosy tamin-drozy hozo: "Zaho ro Ie." Jodasy, ze namitaky Azy, le nitsanga niaraky tamy maramila rey avao koa. ⁶Ka le lafa nivola tamin-drozy Ie hozo: "Zaho ro Ie", le nohemotsy ndrozy ka le lavo tamy ty tany. ⁷Bakeo ndraiky le nanontany androzy Ie hozo: "Ia ro ilanareo?" Sady nivola ndraiky ndrozy hozo: "Jesosy baka Nazareta any," ⁸Jesosy namaly hozo: "Nivola anareo Zaho fa Zaho ro Ie. Laha zay laha mila Ahy nareo, le engao handeha reto." ⁹Zay ro mba hahantanteraky ty safa nivolaniny hozo: "Amy ze nameanao Ahy rey, tsy nasiako tsoho ndra raiky aza." ¹⁰Bakeo Simona Petera, ze nana meso-bey, namoaky zay sady namabgo azy mpiasa ty mpisorobey iny ka le nahatapaky ty sofiny ankavana. Sady Malko ro anara azy mpiasa iny. ¹¹Hoy Jesosy tamy i Petera hozo: "Ampolio amy ty tsanony ao ty meso-beinao. Tsy tokony hino ty kapoaky ze namea ty Njanahary Ahy va Zaho?" ¹²Laha zay goropy maramila rey noho ty kapiteny, sady mpiemby raharaha i Jiosy rey, le nanambotsy an'i Jesosy sady namehy Azy. ¹³Nandesy tamy i Anasy any le aloha rey, safe ie ro rafozan-dahy i Kaiafa, le mpisorobey tamy tao io. ¹⁴Sady Kaiafa ro azy nanome hevitsy ty Jiosy rey iny fa soa vatany laha misy olo raiky maty ho ahy ty olo lako. ¹⁵Nanoriky an'i Jesosy Simona Petera, sady nanao manahaky zay avao koa ty mpianatsy raiky hafa. Sady hay azy mpisorobey iny mpianatsy zay, sady nilitsy niaraky tamy i Jesosy tamy ty kianja ty mpisorobey ao ie; ¹⁶fa Petera ro nitsanga tambaliky ty vavahady. Laha zay azy mpianatsy hafa iny, ze hay ty mpisorobey, le niboaky ka le niresaky tamy azy mpiasa ampela ze mpiemby ty vavahady iny sady nanday an'i Petera hilitry. ¹⁷Bakeo azy mpiasa ampela iny, mpiemby ty vavahady, nivola tamy i Petera hozo: "Iha koa va tsy raiky amy ty mpianatsy lahilahy io?" Hoy ie hozo: "Tsy ie zaho." ¹⁸Sady nitsanga teo mpiasa noho mpiemby raharaha rey iny, sady nandrehitsy afon'ary ndrozy, safe nanintsy ty andro; ka le nanafana ty vatan-drozy. Petera ka le niaraky tamin-drozy, nitsanga teo sady nanafana ty vatany. ¹⁹Nanontany an'i Jesosy mikasiky mpianatsiny rey noho ty fampianarany ty mpisorobey. ²⁰Jesosy namaly azy hozo: "Nivola ampahibeimaso tamy ty tany iaby toy Zaho. Nampianatsy zisiky farany tamy ty synagoga ao noho tamy ty egilizy ao Zaho ze nifampitaona ty Jiosy iaby. Tsy nisy nivolaniko tamy ty takona. ²¹Nanino iha ro nanontany Ahy? Anontaneo an'i ze nahare Ahy rey mikasiky ze nivolaniko. Henteo, olo rey ro mahay ze nivolaniko." ²²Lafa baka nivola zay Jesosy, le nisy raikg tamy mpiemby raharaha rey nitsanga teo nanampify maiky an'i Jesosy sady nivola hozo: "Zay va ro fomba hamaleanao ty mpisorobey?" ²³Jesosy namaly azy hozo: "Laha nivola raha diso Zaho, mitsanga vavolombelo amy diso zay, fa laha marina, nanino iha ro mamango Ahy?" ²⁴Bakeo Anasy nandefa Azy mifehy nana amy i Kaiafa mpisorobey iny any. ²⁵Sady nitsanga Petera ka le nanafana ty safany. Bakeo hoy olo rey taminy hozo: "Iha koa va tsy raiky amy mpianatsiny rey?" Nandà zay ie sady nivola hozo: "Tsy ie zaho." ²⁶Raiky tamy mpiasa ty mpisorobey rey ze longo azy lahilahy ze nivangoa i Petera iny ty sofiny, nivola hozo: "Tsy hitako niaraky taminy tamy ty baibo ao va iha?" ²⁷Bakeo Petera nanà ndraiky, sady direkita le nanoro ty akoho. ²⁸Bakeo nandesin-drozy baka amy i Kaiafa ao ho anay rova any Jesosy. Mbo marain-dray bey ty andro tamy zay, sady ndrozy ro tsy nilitsy tanay rova ao mba tsy ho voaloto fa hihina ty Paska. ²⁹Ka le niboaky tamin-drozy eo Pilato ka nivola hozo: "Ino ty fanasazia andesinareo manohitsy lahilahy toy?" ³⁰Namaly ndrozy sady nivola taminy hozo: "Laha tsy mpanao raty lahilahy io, le tsy ho nameanay anao." ³¹Laha zay Pilato nivola tamin-drozy hozo: "Henteanareo Ie, sady tsarao manahaky ty lalanareo." Hoy Jiosy rey taminy hozo: "Tsy ara-dalà ho anay ty manome olo ho maty." ³²Nivola zay ndrozy mba hahatanteraky ty safa i Jesosy ze nivolaniny mba hivolana hoe karaza fahafatesa manahaky ty ino ro hahafatesany. ³³Bakeo nilitsy tanay rova ndraiky ao Pilato ka le nikaiky an'i Jesosy sady nivola taminy hozo: "Iha va ro mpanjaka ty Jiosy?" ³⁴Jesosy namaly hozo: "Manontany baka amy ty vatanao va iha, sa nisy hafa nivola anao mikasiky Ahy?" Pilato namaly hozo: ³⁵"Tsy Jiosy zaho, sa tsy zay?" Ty olo lakonao noho loha ty mpisoro rey ro nanome anao tamiko. Ino ro nanovinao?" ³⁶Jesosy namaly hozo: "Ty fanjakako ro tsy baka amy ty tany iaby toy eto. Fa laha mba anay ty tany iaby toy ao ty fanjakako, le hialy mpiasako rey mba tsy hanome Ahy amy Jiosy rey. Fa amy zao ty fanjakako ro tsy avy eto." ³⁷Bekao Pilato nivola taminy hozo: "Mpanjaka sady va zay Iha?" Jesosy namaly hozo: "Voavolanao fa mpanjaka Zaho. Fa ho amy raha tsatsary zay ro nahaterahako, sady ho amy dikany zay ro niaviko amy ty tany iaby toy eto, mba hijanganako vavolombelo amy ty fahamarina. Iaby ze ahy ty fahamarina rey le mijanjy ty feoko." ³⁸Pilato nivola taminy hozo: "Ino ro anovy hoe marina?" Lafa baka nivola zay ie, le niboaky ndraiky sady nivola tamy Jiosy rey hozo: "Tsy mahita heloky amy

lahilahy toy zaho. ³⁹Fa nareo mana fomba ze hafahako olo raiky ho aminareo amy ty Paska. Laha zay teanareo va ty hanafahako aminareo ty mpanjaka ty Jiosy?" ⁴⁰Bakeo nikoraky mare ndraiky ndrozy rey sady nivola hozao: "Tsy lahilahy io, fa Barnabasy. " Sady Barnabasy le mpangalatsy.

Chapter 19

¹Bakeo nandesy i Pilato Jesosy ka le nivangoany. ²Nandrary satsoky fatiky maramila rey. Napetsakin-drozy tamy ty loha i Jiosy eo zay sady nampisalotsy siky voloparasy Azy. ³Namonjy Azy ndrozy sady nivola hozao: "Arahaba, mpanjaka ty Jiosy!" sady namango Azy ndrozy. ⁴Bakeo niboaky ndraiky Pilato ka le nivola tamin-drozy hozao: "Ingo, andesiko aminareo ambaliky eto Ie mba hahazanareo fa tsy mahita heloky Aminy zaho." ⁵Ka le niboaky Jesosy, nanao azy foloara fatiky iny noho azy siky voloparasy iny. hoy Pilato tamin-drozy hozao: "Ingo, azy lahilahy toy!" ⁶Lafa hita ty loha ty mpisoro noho ty manamboninahitsy Jesosy, le nikoraky mare ndrozy ka le nivola hozao: "Hahanto ie, hahanto ie!" Le hoy Pilato tamin-drozy hozao: "Alaonareo Ie sady hahanto, fa zaho tsy mahita heloky Aminy." Namaly androzy Jiosy hozao: "Mana lalà tsika, sady manahaky ty lalà ro tokony ho maty Ie safe manonom-vata ho Anan-Janahary." ⁸Lafa re i Pilato fanambara zay, le nihanatahotsy vatany ie, ⁹sady nilitsy tamy ty lapam-panjaka ao ndraiky ie ka le nivola tamy i Jesosy hozao: "Baka aia ty fiavianao?" Nefa tsy nanome valin-tsafa azy Jesosy. ¹⁰Bakeo Pilato nivola taminy hozao: "Tsy mana hovolany amiko va iha? Tsy hainao va fa mana fahefa hanafaky Anao zaho, noho fahefa hanantobAnao?" ¹¹Namaly azy Jesosy hozao: "Tsy mana fahefa Amiko iha laha tsy namea anao baka anabo any zay. Laha zay, ie ze nanome Ahy taminao le mana heloky bevata vatany." ¹²Tamy valin-tsafa zay, le niezaky ty hanafaky Azy Pilato, fa nikoraky mare Jiosy rey, nanao hozao: "Laha afahanao lahilahy io, le tsy nama i Kaisara iha. Ze iaby manao ty vatany ho mpanjaka le manohitsy an'i Kaisara." ¹³Lafa re i Pilato safa rey, le nandesiny niboaky Jesosy sady nipetsaky tamy ty seza fipetsaha ze kaihy hoe "lampivato", fa amy ty safa Hebreo hoe "Gabata." ¹⁴Sady niavy ty andro fanomana ty Paska, tamy ty lera faha eny eo. Hoy Pilato tamy Jioay rey hozao: "Ingo, ty mpanjakanareo toy!" ¹⁵Nikoraky mare ndrozy hozao: "Engao Ie, engao Ie; hahanto Ie!" Hoy Pilato tamin-drozy hozao: "Tokony hampihanto ty mpanjakanareo va zaho?" Namaly loha ty mpisoro rey hozao: "Tsy mana mpanjaka ankoatsy i Kaisara zahay." ¹⁶Bakeo le nanome i Pilato ndrozy hahanto Jesosy. ¹⁷Bakeo nalan-drozy Jesosy, sady nandeha niboaky ie, nitako ty hazofijalea, ho amy azy toerakaihe hoe "toera ty jarandoha iny any," ze amy ty Hebreo kaihe hoe "Golgota." ¹⁸Nahanto ndrozy tany Jesosy, sady nisy lahilahy roe hafa niaraky taminy, raiky isaky ty ilany, sady Jesosy tanivony eo. ¹⁹Nanoratsy fahaiza avao koa Pilato sady nampipetsakyzay tamy ty hazofijalea eo. Zao ro voasoratsy eo: JESOSY BAKA ANAZARETA ANY, AZY MPANJAKA TY JIOSY INY. ²⁰Lako tamy Jiosy rey ro namaky fahaiza zay safe tsy lavitsy ty tanà ro misy ty toera nanantona an'i Jesosy. Azy famantara iny ro nisoraty tamy ty Hebreo, Latina, sady Grika. ²¹Bakeo hoy loha ty mpisoro Jiosy rey tamy i Pilato hozao: "Ka soraty hozao: 'Azy Mpanjaka Jiosy iny,' fa aleo hozao: 'Raiky toy ro nivola hozao: 'Zaho ro mpanjaka ty Jiosy.'" ²²Sady namaly Pilato hozao: "Ze voasoratsy le voasoratsy." ²³Lafa nahanto maramila Jesosy rey, le nivolan-drozy ty sikiny, ka le nitsebehin-drozy efatsy, le samby mana raiky iaby rey; sady azy salotsy, fa janaky raiky avao iny. ²⁴Bakeo nifampiresaky ndrozy hozao: "Aleo tsy tatahantsika toy, fa koa handeha hiloka ahita ze mahazo azy." Nitsanga zay mba hahantanteraky ty Soratsy Masy ze mivola hozao: "Nizarazaran-drozyty salotsiko sady nilokony ty fisalorako." Zay ro nanovy maramila rey. ²⁵Sady nitsanga tanila ty hazo fijalea i Jesosy eo ty reniny, ty rahavavindreniny, Maria valy i Klopa, sady Maria Magdalena. ²⁶Lafa nahita ty reniny noho mpianatsy ze teany nitsanga tanilany teo rey Jesosy, le nivola tamy ty reniny Ie hozao: "Ampela, ingo, ty anakilahiko!" ²⁷Bakeo hoy Ie tamy ty mpianatsy hozao: "Ingo, ty reninareo!" Sady tamy lera zay le nala ty mpianatsy ho aminy any ie. ²⁸Tafara zay, lafa nahay fa vita ty raha iaby kable mba ho tanteraky ty Soratsy Masy, le hoy Jesosy hozao: "Teatea zaho." ²⁹Sady nisy tavoara atsiky divay nipetsaky tamy toera io, ka le nasian-drozy divzy marikivy noho spaonjy ka le nitohizany tamy ty hysopa sady napetapetany tamy ty vavany. ³⁰Lafa nino azy vinegra iny Jesosy, le hoy Ie hozao: "Fa vita." Naondrikiny ty lohany sady niala ty fanahiny. ³¹Safe andro ty fihomana tamy zay, ka le mba tsy hijano amy ty hazofijalea eo anay ty Sabata (safe ty Sabata ro andro manandanja manoka) taola rey, ro mangataky tamy i Pilato Jiosy rey bakeo, ty mba hanapaha ty tombokin-drozy sady hangalaky androzy. ³²Bakeo nanontany maramila rey ka le nanapaky ty tomboky azy lahilahy velohany iny noho azy lahilahy faharoze ze nahanto niaraky tamy i Jesosy iny. ³³Lafa namonjy an'i Jesosy ndrozy, le nahita fa maty Ie, ka le tsy nitapahin-drozy ty tombokiny. ³⁴Nefa, nisy maramila raiky nitomboky ty lanilaniny tamy ty lefo, sady direkita le nisy lio noho rano niroraky. ³⁵Azy raiky ze nahita zay ro nitsanga vavolombelo, sady marina ty fanambarany. Hainy fa marina zenivolaniny mba hinoanareo avao koa. ³⁶Fa raha rey ro nitsanga mba hahantanteraky ty Soratsy Masy hozao: "Tsy hisy ho tapaky ndra raiky amy ty taolany aza." ³⁷Sady mbo, misy Soratsy Masy hafa mivola hozao: "Ndrozy ro hanenty Azy ze nitombohin-drozy." ³⁸Tafara raha rey, Josefa baka Arimatia ao, zisiky amy ty naha-pianatsy i Jesosy azy (fa tamy ty tsy fivolana ao noho ty fatahora Jiosy rey), nanontany an'i Pilato laha afaky mangalaky ty vata i Jesosy ie. Namea i Pilato alala ie. Ka le avy Josefa sady nangalaky ty vatany. ³⁹Niavy tany avao koa Nikodemosy, ie ze avy velohany hanenty an'i Jesosy laha haly iny. Sady nanday menaky manitsy noho vaho ie, tamy ty zato alitara eo ty halakoany. ⁴⁰Ka le nirambesin-drozy ty vata

i Jesosy sady namono zay tamy ty sikim-paty noho raha-manitsy, manahaky ty fomba fandevena Jiosy. ⁴¹Sady tamy toera nihantona Azy eo le nisy baibo; sady tamy azy baibo nisy lolo vaovao ze mbo tsy nandevena olo iny eo. ⁴²Safe andro ty fiomana Jiosy rrey tamy zay safe anila ty lolo, ro nalevin-drozy tao Jesosy.

Chapter 20

¹Sady vo maray ty andro veloha ty herin'andro, laha mbo maiky iny, le mana amy ty lolo Maria Magdalenina eny sady nahita azy vato fa nikisaky lavitsy ty lolo iny ie. ²Laha zay le nilay ie sady namonjy an'i Simona Petera noho azy mpianatsy hafa ze tea i Jesosy iny, sady hoy ie tamin-drozy hozo: "Nalan-drozy tamy ty lolo ty Tompo ao, sady tsy hainay ze nametsahan-drozy Azy."³Bakeo nandeha niboaky Petera noho azy mpianatsy hafa iny, sady nana amy ty lolo ndrozy any. ⁴Samby nilay ndrozy, sady nisomonga azy mpianatsy hafa iny malaky Petera sady le ie ro niavy velohany tamy ty lolo eny. ⁵Bakeo niondriky ie, sady nahita azy siskim-paty iny nipetsaky eo, fa tsy mbo nitsofoky tanainy ao ie. ⁶Niavy tafarany bakeo Simona Petera sady nilitsy ran-dolo ao. Hitany nipetsaky teo azy sikim-paty iny ⁷noho azy siky nanovy tamy ty lohany iny. Tsy niara-nipetsaky tamy azy sikim-paty iny nefa ie iny fa nilamy ho azy tamy ty toerany eo. ⁸Bakeo azy mpianatsy raiky hafa iny, azy niavy velohany iny tamy ty lolo eo, nilitsy tanainy ao avao koa, sady nahita noho nino ie. ⁹Fa zisiky amy fotoa io ndrozy le tsy mbo nahay ty Soratsy Masy avao fa le ro tsy maintsy hitsanga amy maty. ¹⁰Ka le nimpoly tan-tsano any ndraiky mpianatsy rey. ¹¹Fa Maria ro nitsanga nitany tambaliky lolo eo. Laha ie nitany iny, le niondriky famy azy lolo iny ao. ¹²Nahita anjely roe misalotsy siky foty nipetsaky ie, ty raiky tan-doha eo, sady ty raiky tan-tomboky eo tamy azy toera nametsaha ty vata i Jesosy iny eo. ¹³Hoasan-drozy taminy hozo: "Ampela, nanino iha ro mitany?" Hoy ie tamin-drozy hozo: "Safe nandesin-drozy ty Tompoko, sady tsy haiko ze nametsahan-drozy Azy."¹⁴Lafa baka nivola zay ie, le nitoliky sady nahita an'i Jesosy nitsanga teo, fa tsy hainy anefa hoe Jesosy io. ¹⁵Hoy Jesosy taminy hozo: "Ampela, Nanino iha ro mitany? Fa ia ro henteanao?" Nidinihiny fa azy mpiemby iny anefa le, ka le hoy ie taminy hozo: "Tompoko, laha iha ro nangalaky Azy, le volano amiko ty nametsahako Azy, fa ho volaniko any le."¹⁶Hoy Jesosy taminy hozo: "Maria." Nitoliky ie, sady nivola taminy tamy ty safa Hebreo hozo: "Rabôny" (ze midika hozo: "Mpampianatsy.") ¹⁷Hoy Jesosy taminy hozo: "Ka mikasiky Ahy, fa tsy mbo niakatsy amy ty Njanahary any Zaho, fa mandrahana amy rahalahiko rey any sady volano androzy fa hiakatsy amy ty Babako no Babanareo any Zaho, sady ty Njanahariko noho Njanaharinareo." ¹⁸Nandeha Maria Magdalenina sady nivola mpianatsy rey hozo: "Nahita ty Tompo zaho," sady raha rey ro nivolaniny taminy. ¹⁹Sady hariva tamy zay, tamy andro io, andro veloha ty herin'andro, sady varavara ze nisy mpianatsy rey, le nihily noho ty fatahora Jiosy rey, namonjy Je3sady nitsanga tanivon-drozy eo ma le nivola androzy hozo: "Fiadana ho ahy nareo." ²⁰Lafa baka nivola zay le, le natorony androzy ty tanany noho ty lanilaniny. Faly mpianatsy rey lafa nahita Tompo. ²¹Bakeo Jesosy nivola androzy hozo: "Fiadana ho ahy nareo. Manahaky ty nanoraha Njanahary Ahy, ro hanirahako anareo koa." ²²Lafa baka nivola zay Jesosy, le nitsoky ty imbon'ainy tamin-drozy sady nivola androzy hozo: "Rambeso ty Fanahy Masy. ²³Ndra helok'ia ndra helok'ia enganareo, le ho voenga ndrozy; sady ndra ia ndra ia tsy enganareo, le tsy voaenga ndrozy."²⁴Tomasy, raiky tamy folo roa amby rey, nikaihe hoe Didymo, le tsy niaraky tamin-drozy lafa avy Jesosy. ²⁵Mpianatsy hafa rey bakeo nivola taminy hozo: "Hot ie tami-ndrozy hozo: "Laha tsy hitsko amy ty tanany eny ty laoky fantsiky rey, sady mampipetsaky ty rantsan-tanako anay laoky fantsiky rey iny ao zaho, sady mampipetsaky ty tanako amy ty lanilaniny eo, le tsy hino zaho."²⁶Io andro tafara tato ke tao ndraiky mpianatsiny rey, sady niaraky tamin-drozy Tomasy. Namonjy Jesosy laha nihily ty varavara, sady nitsanga niaraky tamindrozy eo, sady nivola hozo: "Fiadana ho ahy nareo." ²⁷Bakeo nivola an'i Tomasy ie hozo: "Mamonjea eto miaraky amy ty tananao sady apetsaho amy ty lanilaniko eto zay. Ka kelikely finoa, fa minoa."²⁸Tomasy namaly sady nivola Azy hozo: "Tompoko noho Njanahariko." ²⁹Hoy Jesosy taminy hozo: "Safe nahita Ahy iha, le nino. Sambatsy ze tsy nahita rey, nefa mino."³⁰Amy zao Jesosy le nanao fahaiza lako hafa tanila mpianatsiny rey eo, fahaiza ze tsy voasoratsy tanay boky toy ao, ³¹fa le voasoratsy mba hafahanareo mino rey fa Jesosy ro Kristy, Azy Anan-Janahary iny, sady pafa mino Azy nareo, le hahazo ty fiaina amy ty anarany.

Chapter 21

¹Tafara raha rey Jesosy le niseho tamy mpianatsy rey ndraiky tamy ty riaky i Tiberiasy eo. Manahaky zao ty fomba nisehoany: ²Simona Petera ro niaraky tamy i Tomasy ze kaihy hoe Didymo, Natanaela baka Kana any a-Galilia any, ana inZebedio rey, sady mpianatsy i Jesosy roe hafa. ³Hoy Simona Petera tamin-drozy hozao: "Handeha hihaza zaho." handeha hiaraky aminao." Ka le nandeha ndrozy sady nilitsy laka raiky ao, fa tsy nahazo ndra ino ndra ino androzy anay ty haliky iaby. ⁴Sady, laha fa harivariva sahady ty andro, le nitsanga tan-driaky eo Jesosy, fa tsy hay mpianatsy rey hoe Jesosy io. ⁵Ka le hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Pamaraky, tsy mana-hohany va nareo?" Namaly Azy ndrozy hozao: "Aha." ⁶Hoy le tamin-drozy hozao: "Atoraho amy ty sisiny ankavana ty laka eo ty haratonareo, le hahazonareo." Ka le natorakin-drozy ty haraton-drozy sady tsy nahavita nampiakatsy zay tao noho ty halakoa ty fia. ⁷Bakeo hoy azy mpianatsy ze tea i Jesosy iny tamy i Petera hozao: "Ty Tompo io." Lafa re i Simona Petera fa ty Tompo io, le nampilitsy ty anabo salotsiny ie (safe tsy nisalotsy ie), ka le nitseka tanay riaky ao. ⁸Mpianatsy hafa rey nana an-daka ao (safe ndrozy tsy lavitsy ty tanety, tamy ty roan-jato hakiho eo), sady naninto ty harato atsiky fia. ⁹Lafa tafiakatsy an-tanety ndrozy, le nahita afon'arina eny sady fia tanabony eo, miaraky amy ty mofo. ¹⁰Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "mandaisa fia lako amy voho azonareo rey eo." ¹¹Sady niakatsy Simona Petera ka le nisinto an-tananety ty harato, ze atsiky fia bevata; 153. Tena lako mare, nefa twy nijatsy azy harato iny. ¹²Hoy Jesosy tamin-drozy hozao: "Avia hihina maray." Tsy nisy tamy mpianatsy rey nahasaky nanontany Azy hozao: "Ia moa iha?" Hain-drozy fa ty Tompo io. ¹³Namonjy Jesosy, nandramby ty mofo, sady nanome zay ndrozy, manahaky zay koa ty fia. ¹⁴Fanintelony amy io ro nihoaha i Jesosy tamy mpianatsy tafara ty nitsanganany rey tamy maty. ¹⁵Lafa baka nihina azy hany maray iny ndrozy, le hoy Jesosy tamy i Simona Petera hozao: "Simona ana i Jaona, tea Ahy mandilatsy noho rey va iha?" Hoy Petera taminy hozao: "Eka Tompo, hainao fa tea Anao zaho." Hoy Jesosy taminy hozao: "Fahano aondriko rey." ¹⁶Nivola taminy fanindrony ndraiky le hozao: "Simona ana i Jaona, tea Ahy va iha?" Hoy Petera taminy hozao: "Eka Tompo, haiko fa tea Anao zaho." Hoy Jesosy taminy hozao: "Karakara ty aondriko." ¹⁷Nivola taminy fanintelony ie hozao: "Simona, ana i Jaona, tea Ahy va iha?" Le nalahelo Petera safe Jesosy nanao intelo taminy hozao: "TeavAhy va iha?" Ka le hoy ie taminy hozao: "Tampo, Iha mahay ty raha iaby, hainao fa tea Anao zaho." Hoy Jesosy taminy hozao: "Fahano ty aondriko." ¹⁸Volaniko aminao, marina, le marina vatany, tamy mbo tanora iha, le zatsy nampilitsy raiky ty salotsinao sady nandeha tamy ze teanao, fa lafa niha-antitsy iha, le hanampatsy ty tananao, sady olo-hafa ro nampisalotsy anao noho handay anao amy ze tsy teanao andehana. ¹⁹Sady Jesosy nivola zay mba hahaza hoe amy ty karaza fahafatesa manahaky ty ino ro hanomeza i Petera voninahitsy an-Janahary. Lafa baka nivola zay ie, le hoy le tamy i Petera hozao: "Manaraha Ahy." ²⁰Nitoliky Petera ka le nahita azy mpianatsy ze tea i Jesosy nanoriky androzy iny, azy raiky ze nianky amy sisiny i Jesosy avao iny ka le tamy ty fihinana ao sady nanao hozao: "Tampo, ia azy raiky hamadiky Anao?" ²¹Nahita azy Petera sady hoy ie bakeo tamy i Jesosy hozao: "Tampo, ino ro ho anovy lahilahy io?" ²²Hoy Jesosy taminy hozao: "Laha teako hipetsaky ie zisiky-iaviako, le midika ino aminao zay? Manaraha Ahy." ²³Ka le niparitaky tamy mpirahalany rey eo safa zay, fa tsy ho maty mpianatsy io. Nefa Jesosy tsy nivola tamy i Petera fa tsy ho maty azy mpianatsy hafa iny, fa hozao: "Laha tesko hipetsaky ie zisiky-iaviako, le midila ino aminao zay?" ²⁴Ie azy mpianatsy ze nitsanga vavolombelo mikasiky raha rey iny, noho azy nanoratsy raha rey iny, sady haintsika fa marina ty fanambarany. ²⁵Misy raha lako hafa koa ze nanovy i Jesosy. Laha voasoratsy kirai-draiky iaby zay, le dinihiko fa ndra ty tany iaby toy aza tsy ho aomby ty boky ze ho soraty.

Acts

Chapter 1

¹Ty boky nisoratiko taloha eo, Teofilo, ro nanambara ty aiby ze natomboky i Jesosy noho nampianariny, ²zisiky amy ty andro nampiakary azy, bakeo le nibeko Apostoly ze nitingininy tamy ty alala ty Fanahy Masy rey Ie. ³Tafara ty nijaleany, le nampitoro ty vatany velo tamin-drozy le niaraky tamy porofo mandesy lahatsy lako rey. Niboaky tamin-drozy le anay ty andro efapolo andro, sady niresaky mikasiky ty fanjakan-Janahary. ⁴Lafa nitojiky niaraky tamin-drozy ie, le nibeko androzy tsy hiala a-Jerosalema ao, fa handiny ty fampanantena ty Njanahary, mikasiky ze, nivolaniny hozao: "Nahare tamiko nareo" ⁵fa nanao batisa tamy ty rano vatany i Jaona, fa nareo ro tokony hanovy batisa amy ty Fanahy Masy anay ty andro kelikely ao. ⁶Lafa tafavory niaraky ndrozy le nanontany Azy rozy hozao: "Tampo, Zao va ro fotoa hampimpoliana ty fanjaka ho an'Israely?" ⁷Hoy le tamin-drozy hozao: "Tsy nareo ro hahay ty fotoa ndra vanin'andro ze nitondroe ty Njanahary tamy ty fahefany manoka. ⁸Fa lafa avy koa ty Fanahy Masy le hahazo hery nareo, ka le nanjary vavolombeloko mameno ty Jerosalema noho Jodia raiky

iaby sady Samaria, noho zisiky am-paran-tany any."⁹Lafa nivola raha zay i Jesosy Tompo, le niandrandra ndrozy, nampiakary Ie, sady ty raho manoka Azy tamason-drozy eo. ¹⁰Laha mbo naniry ty lanitsy iny ndrozy tamy ty nandehany, tampoky eo, nisy roelahy nisalotsy foty nitsanga tanilan-drozy eo. ¹¹Nivola ndrozy hozao: "Lahilahy baka Galilia any, manino nareo ro mitsanga eto manenty ty lanitsy? Iny Jesosy nalà taminareo ze nampiakary bakan-danitsy any iny, le himloly manahaky ty nahitanareo azy niakatsy an-ndanitsy any eo iny."¹²Bakeo ndrozy le nimpoly ta Jerosalema any baka amy ty vohitsy Oliva ao, ze anila ty Jerosalema eo, mitovy amy ty lia ty andro Sabaata raiky. ¹³Lafa niavy ndrozy, le niakatsy tamy ty efitsy anabo etazy ao, ze nipetsahan-drozy. Ndrozy ro i Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipino, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba ana i Alifeo, Simona Zelota, sady Jodasy ana i Jakoba. ¹⁴Niharo ho raiky rozy iaby, sady nazoto nivavaky. Anay zay ampela rey, Maria reny i Jesosy noho rahalahiny rey.¹⁵Tamy andro zay i Petera le nitsanga tanivo rahalahiny rey eo, amy ty olo 120 eo, sady nivola hozao: ¹⁶"Rahalahy, tena nila ty fananteraha ty Soratsy masy, ze nambara ty Fanahy Masy aloha tamy ty vava i Davida mikasiky an'i Jodasy, ze nanday olo nanambotsy an'i Jesosy rey."¹⁷Fa anay raiky amintsika ie sady nahazo ty anjarany tamy fanompoa zao." ¹⁸(Amy zao lahilahy io le nivily baibo tamy ty jala azony tamy ty faharatia ie, sady lavo nihohoky teo ie, ka le nivoha noho nipoaky ty vatany, sady niboaky iaby ty tsinainy. ¹⁹Olo iaby ta Jerosalema ao rey ro nanoro ty mikasiky zay, sady nikaiky baibo io tamy ty fivolanan-drozy hozao: "Akeldama", zay hozao: "Baibon-Dio.")²⁰Fa voasoratsy amy ty Boky ty Salamo ao hozao: "Engao ho lao ty baibony, sady ka enga ndra olo raiky aza hipetsaky ao"; 'Engao ho rambesy ty olo-hafa ty andraikitsy."²¹Laha zay, le ila, ty raika amy lahilahy niaraky tamintsika anay ty fotoa iaby nilira i Jesosy Tompo rey noho ty niboahany tamintsika teto,²² zisiky amy ty batisa i Jaona ka le zisiky ty andro niakarany tamintsika eo, le tsy maintsy vavolombelo miaraky amintsika amy ty fitsangana." ²³Sady nametsaky roe lahy ndrozy, le i Josefa nikaihy hoe Barnabasy, ndra koa anovy hoe Josto, sady Matia.²⁴Nivavaky androzy sady nivola hozao: "Iha, Tompo, ro mahay fo ty olo iaby rey, ka le ambara ze hotingininao amy rozy roe lahy ²⁵mba hangalaky ty toera ato amy fanompoa zao noho ty maha Apostoly noho ty fandikan-dala ze nanovy i Jodasy handeha ho amy ty toerany manoka any. ²⁶Ndrozy ro niloka ho androzy, sady nilatsaky tamy i Matia ty filoka, sady voahisaky ho Apostoly folo raiky amby ie.

Chapter 2

¹Lafa niavy ty andro ty Pantekosta, nivory tamyl ty toera raiky rozy iaby. ²Tampoky eo baka an-danitsy any nisy feo manahaky ty tsioky mahery nifofofoto, sady nanatsiky ty tsano iaby ze nipetsahan-drozy zay. ³Nisy afo niendriky lela lako ze nizarazara, sady nipetsaky tanabon-drozy kirai-draiky eo iaby. ⁴Ie iaby ro atsiky ty Fanahy Masy sady nanomboky nivola tamy ty fivolana lako samby jafa, manahaky ty namea ty Fanahy Masy hivoland-rozy. ⁵Sady nisy Jiosy ze nipetsaky ta Jerosalema ao, olon-Janahary, baka amy ty firenea iaby ambany ty lanitsy. ⁶Lafa nahare feo zay, le avy niaraky olo lako rey sady sahiran-tsary safe ty kirai-draiky le samby nahare androzy nivola tamy ty fivolananany iaby. ⁷Ndrozy ro hita noho Tseriky; nivola hozo: "Marina, fa tsy iaby mivola rey va ro Galileanina?" ⁸nino ro mahare androzy tsika, amy ty fivolananantsika kirai-draiky iaby ze naha bey antsika? ⁹Partianina noho Medianina sady Elemita, sady ze mipetsaky any Mesopotamia rey, a-Jodia any noho Kapadokia, a-Ponto noho Asia any, ¹⁰Frygia noho Pamfylia, a-Egypta any sady Libya zisiky amy i Kyrena any, sady mpamangy baka Roma any rey, ¹¹Jiosy noho Proselyta, Kreatana noho Arabo, le rentsika miresaky amy ty fivolananantsika mikasiky ty asa bevata anovin-Janahary. ¹²Ndrozy ro tseriky sady sahiran-tsary; sady nifampiresaky ndrozy hozo: "Ino ro dikany zay?" ¹³Fa ilany nikizaky sady nivola hozo: "Ndrozy ro mamamo ty divay vaovao." ¹⁴Fa i Petera nitsanga niaraky tamin-rozy folo raiky amby, nampiakatsy ty feony, sady nivola tamin-drozy hozo: "Lahilahy i Jodea noho nareo iaby ze mipetsaky a-Jerosalema eto, engao ho hainareo zao, embeno safako rey." ¹⁵Ho ahy ty olo tsy mamamo manahaky ze dinihinareo rey, fa vo lera fahatelo amy ty andro zao. ¹⁶Fa zao azy voavola tamy i Joela to-resaky: ¹⁷"Amy ty andro farany," Njanahary mivola hozo: "Halatsako amy tyolo iaby ty Fanahiko. Anakilahinareo noho ty anak'ampelanareo rey ro ho to-resaky, ty zatovonareo ro hahita fahita, sady ty lahilahy antitsy nareo hanonofy." ¹⁸Manahaky zay koa ty amy mpiasako lahilahy amy andro rey. Halatsako ty Fanahiko, sady ndrozy ro ho to-resaky. ¹⁹Zao ro hampitoro raha-mahatseriky amy ty lanitsy anabo eny noho fahaiza amy ty tany ambany eny, lio, afo, sady zevon-tsetsoky. ²⁰Tymasoandro ro hanjary haiky sady ty vola hanjary lio, aloha ty andro bevata noho miavaky hiavia ty Tompo. ²¹Sady ty olo iaby ze mikaiky ty anaran-Janahary ro ho vosarombaky. ²²Olon'Israely e, janjino safa zao: Jesosy baka Nazareta any, azy olo nampitoroe anareo tamy ty alalan-Janahary iny mba marina amy asa bevata rey, fahatsereha rey, ssdy fahaiza ze nanovin-Janahary taminy rey tanivonatreo eo, manahaky ty hay ty vatanareo. ²³Lahilahy io ro nanome ty asan-Janahary ze fa niomany aloha noho fahaizany, sady tana ty mpindika lalà nareo, namono azy tamy ty famantsiha azy tamy ty hazo fijalea eo. ²⁴Fa Njanahary nampitsanga Azy, nanafaky Azy tamy faharary ty fahafatesa rey, safe sarotsy ho Azy ty niala tamy zay. ²⁵Fa i Davida mivola mikasiky azy hoe, "Nahita ty Tompo talohako eo san'andro san'andro zaho, fa an-tanan-kavanako eto Ie ka le tsy tokony hangozohozo zaho. Le" ²⁶tena faly ty foko sady nifalifaly ty lelako. Sady avao koa, ty nofitsiko hovelao amy ty fahatokisa. ²⁷Fa tsy nenganao ho amy ty Fiain-tsy hita any ty fanahiko sady tsy hanenga ty Ray Masy ho lo iha. ²⁸Nampahay ahy lala ty fiaina rey Iha; Iha ro hanatsiky fifalea ahy amy ty endrikinao. ²⁹Rahalalahy e, afaky miresaky aminareo am-patikisa mikasiky an'i Davida Patriarika zaho: fa maty ie ro nalelevy, sady ty olony ro amintsika eto zisiky androany. ³⁰Laha zay, olo to-resaky ie sady hainy fa niay taminy Njanahary, fa ty tarihany ro ho amy ty seza fipetsahany eo. ³¹Fa hitany zay le niresaky mikasiky ty fitsangana i Kristy tamy ty fahafatesa, 'sady ie tsy nenga tamy ty fiaian-tsy hita eo, ro tsy nanao ty nofotsiny ho tsatsy ty fahavalo. ³²Jesosy io-Njanahary ro nampitsanga Azy, ka le vavolombelo zay zahay iaby. ³³Laha zay lafa nasondrotsy ty tanan-kavananan-Janahary Ie le nandramby ty Fanahy Masy nampanantena baka amy ty Ray, fa narotsany zay, ze hitanareo noho renareo. ³⁴Fa i Davida ro tsy niakatsy tan-danitsy any, fa ie nivola hozo: "Ty Tompo nivola tamy ty Tompoko," Mipetsaky antanako ankavanako eto, ³⁵"zisiky-hanovako ty fahavalonao ho fipetsahan-tomboko." ³⁶Laha zay, engao ho hay ty iaby bibiky ty tsanon'Isrely fa Njanahary ro nanao Azy ho Tompo noho Kristy, azy Jesosy ze nahantonareo iny. ³⁷Sady laha zay rozy, voatomboky ty fon-drozy, sady nivola tamy i Petera noho apostoly ilany rey hozo: "Rahalalahy, ino ro tokony hanovinay?" ³⁸Bakeo Petera nivola tamin-drozy hozo: "Mibebaha manova batisa, nareo kirai-draiky iaby, amy ty anara i Jesosy Kristy ho fanenga ty fahotanareo, noho handrambesanareo ty fanomeza ty Fanahy Masy. ³⁹Fa ty fampanantena ro ho ahy nareo noho ty ananareo sady iaby ze lavitsy rey, ka leho lako olo ze ho kaihy ty Tompo Njanaharintsika rey." ⁴⁰araky tamy ty safa lako hafa ro nitsanganany ho vavolombelo noho nandrisihany androzy; nivola ie hozo: "Vonjeo ty vatanao amy tariha raty fanahy toy." ⁴¹Sady ndrozy nandramby ty safany ka le nanao batisa, sady tokony fanahin'olo tamy eo ty telo arivo eo ho eo ro nampea tamy andro io. ⁴²Nanohy noho niaritsy ty asa fitoria noho ty fampoanara ty apostoly ndrozy, tamy ty fanapaha ty mofa noho ty fivavaha eo. ⁴³Niavy tamy ty fanahy ty Kirai-draiky eo tahotsy, sady hatsereha noho fahaiza lako ro vita tamy ty alala ty apostoly. ⁴⁴Iaby nino rey ro nivory sady nana raha nitovy, ⁴⁵sady ndrozy ro namarotsy ty taniny noho ty hananany ka le nizara zay tamy rozy iaby, manahaky ze nilany iaby. ⁴⁶Sady san'andro san'andro le nitohy nanompo tamy ty fomba fanenty mitovy tan-degilizy ao ndrozy, noho nanapaky ty mofa tan-tsano ao, sady nizara

hany tam-pifalea noho fo atsiky fanetsem-bata; ⁴⁷Nanombo an-Janahary sady nahazo fankasitsaha tany ty olo iaby. Isan'andro ty Tompo ro nanampy ty hisa ze voasarombaky rey.

Chapter 3

¹Sady Petera noho i Jaona niakatsy tamy ty egilizy tamy ty lera fivavaha eny, ty lera faha sivy. ²Sady nisy lahilahy raiky nalemy fa zisiky am-piteraha nandesy isan'andro any tamy ty Vavahady Soaen-driky eny ty egilizy, mba hangataky fanomeza ara-jala amy olo ze mandeha amy ty egilizy rey eny. ³Lafa nahita an'i Petera noho i Jaona ze handeha hilitry ty egilizy, le nangataky fanomeza ara-jala tamin-drozy ie. ⁴Nibanjy ty masonry niaraky tamy i Jaona i Petera le nivola hozao: "Hentao zahay". ⁵Azy lahilahy malemy nanenty androzy, nanantena ty handramby raha baka amin-drozy any. ⁶Nefa i Petera nivola hozao: "volafotynoho volamena ro tsy anako, nefa ze ananako, ro hameako anao. Amy ty anara i Jesosy Kristy baka Nazareta any, mandehana." ⁷Nandramby azy tamy ty tanà havana, i Petera nampitsanga azy, sady direkita le nanjary natanjaky ty tomboky azy lahilahy iny noho ty kitsokeliny iny. ⁸Nitsamboko, azy lahilahy malemy iny le nitsangana ka le nanomboky mandeha; sady niaraky nilitsy tamy i Petera noho i Jaona tan-degilizy ao, mandeha, nitsamboko, sady nanompo an-Janahary. ⁹Ty olo iaby ro nahita azy mandeha noho hanompo an-Janahary. ¹⁰Tsakaritsin-drozy fa ie azy lahilahy nangataky fanomeza ara-jala tamy olo tamy azy Vavahady Soa ty egilizy rey eo; sady tena tseriky noho jilo ndrozy nono ty raha niseho taminy. ¹¹Sady laha ie nitandraky an'i Petera noho Jaona, ty olo iaby le nirongatsy nana amin-drozy eny tamy ty fialofa ze nikaihe hoe fialofa i Solomona eny ty olo iaby, sady tena jilo. ¹²Lafa nahita zay i Petera le namaly ty olo hozao: "Nareo olo lakon'Israely, nanino ro jilo nareo? Nanino ty masonareo ro mandiniky anay, ohatsy ty hoe herinay ndra fahamasinanay manoka ro nampandeha azy?" ¹³Njanahary Abrahama, noho an'Isaka, sady an'i Jakoba, azy Njanahary babantsika rey, nanome voninahitsy an'i Jesosy mpiasany. Ie azy nameanareo noho tsy nenkenareo taloha i Pilato eo, tamy ie nanapa-kevitsy ty handefa azy. ¹⁴Tsy nenkenareo Azy raiky ze Masy iny noho Marina sady aleo nareo nangataky azy mpamono olo iny mba halefa ho ahy nareo. ¹⁵Nivononareo ty Mpamboatsy ty fiaina, ze natsangan-Janahary tamy maty_sady vavolombelo zay zahay. ¹⁶Amy zao, noho ty finoa amy ty anarany_azy lahilahy ze hitanareo iny noho hainareo_iny anara iny avao ro nahavy azy hahery. Ty finoa baka amy i Jesosy ro nanome zao fahafaha atsiky zao ho azy anilanareo eto iaby. ¹⁷Amy zao, rahalahy, haiko fa nanao zay nareo noho ty tsy fahaizanareo, manahaky ty nanovy mpanday anareo rey avao koa. ¹⁸Fa raha ze voalazan-Janahary aloha tamy ty vava olo to-resaky iaby rey, hoe tokony hijaly ty Kristiny, fa tanteraky amy zao. ¹⁹Mibebaha, laha zay, sady mimpolia, mba ho voavono ty fahotanareo, mba ho avy ty fotoa mahavelombelo anila ty Tompo eo; ²⁰sady mba handefa any azy Kristy iny ze voatondro ho ahy nao ie, le i Jesosy. ²¹Ie azy tsy maintsy ho rambesy ty Lanitsy iny zisiky-mahavy ty lera fampolia amy ty velohany ty raha-iaby, mikasiky ze nivolanin-Janahary fa ela tamy ty vava olo to-resaky masy rey. ²²Nivola vatany i Mosesy hozao: "Ty Tompo Njanahary ro hampitsanga olo to-resaky manahaky ahy baka amy rahalahinareo rey. Nareo hijanjy ty raha-iaby ze ho volaniny aminareo. ²³Hitsanga ty hoe ze olo iaby tsy mijanjy olo to-resaky zay le ho rava tanteraky tsy ho amin'olo ao." ²⁴Eka, sady olo to-resaky iaby nanomboky tamy i Samoela noho ze avy tafarany rey, le nivola mare noho nanambara andro rey. ²⁵Nareo ro ana ty olo to-resaky noho ty fanenkea ze nanovin-Janahary tamy ty razambe rey, manahaky ty nivolaniny tamy i Abrahama hozao: 'Amy ty tarihako ao ro ho tahie longo iaby amy tany iaby toy rey.' ²⁶Tafara ty nampitsangan-Janahary ty olo to-resaky, le nandefa azy ho ahy nareo aloha ie, mba hitahy anareo amy ty fialanareo amy ty faharatianareo."

Chapter 4

¹Laha niresaky tamy olo lako i Petera noho Jaona rey, le nanjary mposoro noho ty bey ty mpiemby ty egilizy rey sady Sadoso rey. ²Neloky mare ndrozy laha i Petera noho Jaona nampianatsy ty olo lako noho nanambara ty fitsangana amy maty tamy ty alala i Jesosy. ³Nisambory ndrozy sady nanovy tan-gadra any zisiky iavia ty maray, safe fa hariva ty andro tamy zay. ⁴Nefa lako tamy olo ze nahare ty hafatsy ro nino; sady ty hisa lahilahy ze nino rey ro dimy arivo teo ho eo. ⁵Sady lafa maray iny le nivory ta Jerosalema ao ty mpanapakin-drozy, zokin'olo sady mpanora-dalà rey. ⁶Teo i Anasy mpisorobey, Kaiafa, Jaona, noho Aleksandro noho ze iaby longo mpisorobey rey. ⁷Lafa naroso tanivony eo i Petera noho Jaona, le nanontany androzy hozao: "Amy ty hery ino, ndra amy ty anara ino, ro nananovanareo zay?" ⁸Bakeo i Petera, atsiky ty Fanahy Masy, le nivola androzy hozao: "Iha mpanapaky androzy hozao: "Iha mpanapaky ty olo lako, noho ty olo-bey, ⁹laha nanontany milasiky ty asa soa nanovinay tamy lalhilahy narary io zahay tamy andro io tamy ty fomba ino ro nahafaky lahilahy io?" ¹⁰Le engao ho hainareo iaby sady ty olo lakon'Israely iaby, fa tamy ty anara ty Jesosy Kristy baka Nazareta any, ze nahantonareo, azy natsangan-Janahary tamy maty iny tamy ty alalany ro itsangana lahilahy toy salama amasonareo eto." ¹¹Jesosy Kristy ro vato ze nanovinareo mpamboatsy-tsano tsy dikany nefa fa nanovy ho loha ty vato fehizoro. ¹²Sady tsy misy famonjea baka amy ty hafa, fa tsy misy anjara hafa ambany lanitsy namea ty olo ze tsy maintsy hahasarombaky antsika". ¹³Sady lafa nahita ty fahasakia i Petera noho Jaona ndrozy, sady nahatsapa fa olo-tsotsa, olo tsy nandia fianara, le jilo ndrozy, nahay fa niaraky tamy i Jesosy i Petera noho Jaona. ¹⁴Safe ndrozy nahita azy lahilahy ze afaky nitsanga niaraky tamin-rozy iny, kable tsy nahita amabara hanohera zay ndrozy. ¹⁵Fa lafa vaka nibeko apostoly rey hiala ty fivoria ty fila-hevitsy ndrozy, le nifampiresaky androzy. ¹⁶Hoasa ndrozy hozao: "Ino ro tokony hanovinao amy lahilahy ndreto? Laha ty hatsereha vita tamy ty alalan-drozy le hay olo iaby mipetsaky a-Jerosalema rey eto, sady tsy azontsika andàna. ¹⁷Fa mba tsy hiparitaha zay amy ty olo lako koa, le hiala tsika hampiemby androzy mba tsy hivolanana-drozy anara zay sasy. ¹⁸Nikaihiny halitsy i Petera noho Jaona sady nivolaniny rozy tsy hivola noho tsy hampianatsy amy ty anara i Jesosy sasy. ¹⁹Nefa namaly androzy koa i Petera noho Jaona nivola hozao: "Laha marina amason-Janahary eo ty manenky anareo mandilatsy azy, le nareo ro mitsara. ²⁰Tsy afaky ty hijano tsy hivola mikasiky raha hitanay zay noho renat zahay." ²¹Tafara ty fiembena an'i Petera noho Jaona, ro nengany nandeha ndrozy. Fa tsy nahita fomba hanasazia androzy ndrozy, safe nanompo an-Janahary olo lako rey noho ty raha-vitany. ²²Azy lahilahy ze niay ty hatsereha noho fanafaha iny ro nandilatsy ty efa-polo tao. ²³Tafara ty nahafaha androzy, le niavy tamy ty olo lakony i Petera noho Jaona sady niforisevany androzy ze iaby nivolany ty loha ty mpisoro rey noho olo-bey rey tamin-drozy. ²⁴Lafa ren-drozy zay, le niaraky-nanondrotsy ty feon-drozy ho ahin-Janahary ndrozy ka le nivola hozao: "Tompo, iha ro nanao ty lanitsy noho ty tany noho ty riaky, sady ze iaby aminy ap. ²⁵Nivola tamy ty alala ty Fanahy Masy tamy ty vava ty mpiasanao, ty babantsika Davida Iha hozao: 'Nanino ro meloky firenea Jentilisa rey, noho olo mieritseritsy raha tsy misy ila azy rey?' ²⁶Nareo mivola hozao: Mpanjaka ty tany rey ro niharo, sady mpanapaky rey ro nikobo hanohitsy ty Tompk, noho hanohitsy ty Kristiny." ²⁷Fa i Heroda noho pontsy Pilaty, ze niaraky tamy Jentilisa noho olo lako i Isrely rey, ro niaraky-nivory tan-tanà ao hanohitsy an'i Jesosy mpiasanareo, ze nisoronanareo. ²⁸Niaraky-nivory ndrozy mba hanao ze iaby nanovy ty tananareo noho drafitsinareo ze fa nitapahin-drozy rey hanovy aloha. ²⁹Amy zao, Tompo, henteo fampiembenan-drozy sady ameo mpiasanao mba hivolanany ty safanao rey am-pisakia tanteraky. ³⁰Amparo ty tananao mba hanafaky, sady hanome fahaiza rey noho fahatsereha amy ty alala ty anara i Jesosy mpiasanao masy." ³¹Lafa baka nivavaky ndrozy, le nihozongozo ty toera ze niarahan-drozy nivory, sady atsiky ty Fanahy Masy ie iaby sady nivola ty safan-Janahary am-pisakia. ³²Ty halakoa ze nino rey ro fo noho fanahy raiky. Tay nisy nivola fa ty raha ze azony ro azy raiky, fa raha niarahan-drozy nana. ³³Niaraky tamy ty hery bevata ro nanambara ty apostoly ty fitsanganana-drozy vavolombelo mikasiky ty fitsangana i Jesosy Tompo tamy maty, sady fahasoava bevata ro tamy rozy iaby eo. ³⁴Tsy nisy olo nanan-draha-mampijaly tamin-drozy eo, fa ze iaby nana tany ndra tsano ro navily sady nanday ty jala ty raha iaby ze sarotsy. ³⁵sady napetsaky tan-tomboky apostoly rey eo, sady nizara tamy ty olo kirai-draiky manahaky zecilan-drozy. ³⁶Josefa, Levita raiky, lahilahy baka Sipra any ze nikaihy apostoly rey hoe Barnabasy (ze midika hoe Anakilahy ty Fampahereza), ³⁷namarotsy tany noho nanday ty jala sady nampipetsaky azy tan-tomboky apostoly rey eo.

Chapter 5

¹Fa nisy lahilahy raiky nikaiky hoe Ananiasy, niaraky tamy i Safira valiny, namarotsy anjara tany, ²sady nitandrahany ty ilany tamy jala viliny rey (ty valiny avao koa nahay zay), sady nanday ty antsasany hafa tamy zay sady nampipetsaky azy tan-tomboko apostoly rey.³Fa Petera nivola hozo: "Ananiasy, nanino ro natsehy i Satana vandy ty fonao havandy amy ty Fanahy Masy, noho hitandraky ty antsasakiny tamy azy vili-tany iny?"
⁴Laha mbo tsy letaky zay, tsy nijano ho fanananao manoka va zay, sady lafa letaky zay, tsy tamy ty fahefanao eo va zay? Nanino ro nieretseretanao raha zay tamy ty fonao ao? Tsy navandy tambyty olo iha, fa tamin-Janahary."
⁵Lafa anahare safa rey, ke lavo tamy ty tany Anasiasy ka le afaky ty ainy, sady tahotsy bevata ro niavy tamy ze iaby nahare zay. ⁶Sady pamaraky rey le nisoro ka le namono siky azy, ka le nandesin-drozy niboaky ie sady nalevy.⁷Tafara ty telo lera eo ho eo, le nilitsy ty valiny, mba tsy nahaiza ze niseho. ⁸Petera nivola taminy hozo: "Volano ahy zay ro namilianareo tany iny." le hoy ie: "Eka, laha zay."⁹Bakeo i Petera nivola azy hozo: "Nanino nareo ro nanenky hiaraky-hitsapa ty Fanahy ty Tompo? Ingo, tomboky olo ze nandevy ty valinao rey ro am-baravara eo, sady hampiboaky anao ndrozy. ¹⁰Sady lavo teo noho eo tamy ty tombony eo ie sady afaky ty ainy. Lafa nilitsy tao pamaraky rey, le nahita azy maty, ka le nanday azy niboaky noho nandevy azy tanila ty valiny eo. ¹¹Natahotsy ty egilizy iaby, niho iaby ze nahare raha zay rey.¹²Fahaiza noho fahatsereha lako ro niboaha tamy olo lako rey tamy ty alala ty tana Apostoly. Niaraky tamy ty fialofa i Salomona eo ndrozy. ¹³Fa tsy nisy olo hafa nana fahasakia hiaraky amin-drozy; nefa, ty olo lako le namitiky fankasitsaha abo ndrozy.¹⁴Sady vo maiky nihalako mpino ze nanampy hisaky ty Tompo rey, lahilahy noho ampela lako, ¹⁵ka le nandesin-drozy tan-dala eny zisiky amy maray sady nampiroroan-drozy tanabo firoro noho kitsely eo, ka le mba lafa mandalo i Petera, le mety mba hanaloky ty ilany amin-drozy ty alokiny. ¹⁶Teo avao koa ro lako ty olo lako ro niaraky-avy baka amy tanà miodidy ahy ty Jerosalema rey ao, nanday ty marary noho ze nampijaly ty fanahy maloto rey, sady le afaky rozy iaby.¹⁷Fa nitsanga ty mpisorobey, noho ze niaraky taminy rey (ze sekta ahy ty Sadoseo rey); sady le atsiky fialona ndrozy ¹⁸sady nanambotsy an-kery apostoly rey, sady nampilitsy androzy tan-tsano maiky ao.¹⁹Sady tanay ty haly le nisy anjely ty Tompo namoha ty varavara ty fonja sady nampiboaky androzy tao, noho nivola hozo: ²⁰"Mandehana, mitsangana amy ty egilizy ao sady mivolana amy ty olo safa iaby fiaina rey toy." ²¹Lafa nahare zay ndrozy, le nilitsy tamy ty egilizy ndrozy ao laha vo maray ty andro ka le nampianatsy. Fa avy ty mpisorobey, noho ze niaraky taminy rey, sady nikaiky ty fila-hevitsy iabyl olo-bey iaby ty olo lakon'Israely rey, sady nalefa tam-ponja any mba hampiboaky apostoly rey.²²Fa lafa avy azy mpiemby raharaha iny le tsy nahita androzy tam-ponja ao, ka le nimpoly androzy sady nanesy hozo: ²³"Nahita ty tsano maiky nihily soa zahay sady ty mpiemby ro nitsanga nandiny tam-baravara eo, fa lafa nivohany zay, tsy nahita olo tanainy ao zahay."²⁴Sady lafa nahare zay ty lahilahy mpiemby ty egilizy nohp mpisorobey rey, le tsobo hevitsy tanterakin-drozy nikasiky ty raha mety hiboaky. ²⁵Fa nisy olo avy sady nivola tamin-drozy nanao hozo: "Lahilahy ze nanovinareo tan-tsano maiky ao le mitsanga amy ty egilizy ao sady mampianatsy ty olo lako."²⁶Sady nandeha ty bey ty mpiemby niaraky tamy mpiemby raharaha rey, sady nanday androzy nimpoly, fa tsy tamy ty heriloha, safe natahotsy ty olo lako ndrozy tsy noho ho torahany vato. ²⁷Lafa manday androzy rozy, le nandefa androzy tanila ty fila-hevitsy eo. Nanontanontany androzy ty mpisorobey, ²⁸nivola hozo: "Nirany mare nareo mba tsy hampianatsy amy anara io, nefa, natsehinareo ty fampianaranareo i Jerosalema, sady teanareo ho tompon'antoky amy ty lio lahilahy io zahay."²⁹Fa i Petera nohp apostoly rey namaly hozo: "Zahay ro tokony hanenky an-Janahary noho ty olo. ³⁰Ty Njanahary ty razanay nampitsanga an'i Jesosy, ze nivononareo tamy ty fanontanea Azy tamy ty hazo eo. ³¹Njanahary nanondrotsy Azy tamy ty tanan-kavanany eo mba ho Tompo noho Mpamonjy, mba hanome fibebaha ho an'Israely, noho fanenga ty heloky. ³²Zahay ro vavolombelo ty amy raha iaby zay, sady avao koa ty Fanahy Masy, ze namean-Janahary ho ahy ty manenky Azy rey."³³Laha nahare zay tamy ty fila-hevitsy ao, le neloky ndrozy sady nila hamono apostoly rey. ³⁴Fa sy Fariseo raiky nikaihe hoe Gamaliela, mpampiana-dalà, ze naja ty olo iaby, nitsanga sady nibeko apostoly rey mba halà haboaky kelikely ambaliky any.³⁵Sady ie nivola tamin-drozy hozo: "Lahilahy Israely, embeno soa ty amy ty raha ze hanovinareo miaraky amy olo rey. ³⁶Fa taloha any, Teodasy nivola ty vatany ho raha, sady goropin'olo, vatany ho efa-jato, nanoriky azy. Nivonoe ie, sady iaby ze nanenky azy rey ro niparitaky sady lasa tsy misy dikany. ³⁷Bakeo lahilahy io, Jodasy baka Galilia any ro nitsanga tamy ty andro ty fanisaha sady nitao olo lako hanoriky azy. Ie avao koa ro nivonoe, sady iaby ze nanenky azy rey ro niparitaky.³⁸Sady amy zao le nengako amonareo, manalavira an'i lahilahy rey sady engao raiky ndrozy, fa laha baka amy ty olo drafitsy io ndra asa io, le ho rava zay. ³⁹Fa laha baka amin-Janahary koa, le tsy ho azonareo arava rey; mety ho hotanareo aza fa mialy amin-Janahary nareo." Le resy lahatsy ndrozy.⁴⁰Sady nikaiky an'i apostoly rey hility ndrozy sady namango noho nibeko androzy tsy hivola amy ty anara i Jesosy, sady nanenga androzy handeha. ⁴¹Ndrozy ro niala ty fila-hevitsy

tam-pifalea safe maeva ty handay fanala-baraka ho ahy Azy Anara iny. ⁴²Tafara ze san'andro ao, tsy nijano nampianatsy noho nanambara an'i Jesosy ho Kristy ndrozy, tan-tsano ty egilizy eo noho tamy ty tsano lako.

Chapter 6

¹Sady tamy andro zay, lafa nihanitombo ty hisa ty mpianatsy rey, le nanomboky nisy fitoreva nanovy Jiosy rey mivola Grika hanohera Hebreo rey, safe nanovin-drozy tsy misy antony mpanday-vata tamy ty fizara hany isan'andro rey.²Ty folo roa amby ro nikaiky mpianatsy iaby rey ho amin-drozy any sady nivola hozao: "Tsy mety ho antsika laha miala ty safan-Janahary mba hikarakara latabatsy rey." ³Laha zay nareo le tokony mitingy, rahalahy, fito aminareo, lahilahy soa laza, atsiky ty Fanahy noho fahendrea, mba ho tondronay hikarakara raharaha zay. ⁴Laha ty aminay, le hanohy zisiky amy ty fivavaha noho amy ty fampianara ty safa any zahay."⁵Soasoa ty olo iaby ty safa nanovin-drozy. Ka le nitingy an'i Stefana ndrozy, lahilahy atsiky finoa noho Fanahy Masy, sady i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timno, Parmena sady Nikoleo, Proselyta baka Antiokia any. ⁶Mpino rey ro nanday lahilahy rey tanila ty Apostoly eo, ze nivavaky noho nampipetsaky ty tanany tamin-drozy. ⁷Ka niparitaky zisiky any ty safan-Janahary, sady ty hisa ty mpianatsy ta Jerosalema ao le nihanitombo mare, sady mpisoro lako mare koa ro nanjary mpanenky ty finoa.⁸Sady i Stefana, atsiky fahasoava noho hery, le nanao hatsereha noho fahaiza bevata tamy ty olo lako eo. ⁹Fa nisy olo lako ilany nitsanga ze ahy ty synagoga ze anovy hoe ty Synagoga ty Liber_tina, noho ahy ty Kyreniana noho Aleksandriana, sady ty ilany baka a-Kilikia any noho Azia. Olo rey ro nialy hevitsy tamy i Stefana¹⁰Ndrozy ro tsy nahatohitsy ty fahendrea noho ty Fanahy ze nivolanany i Stefana. ¹¹Bakeo le nisy olo nanovan-drozy kolikoly mba hivola hozao: "Fa renay i Stefana nivola raty mikasiky i Mosesy noho Njanahary."¹²Nanaitsy ty olo ndrozy, ty olo-bey, noho ty mpanora-dalà, le nana amy i Stefana eo ndrozy sady nanambotsy azy noho nanday azy tanila mpanomesay rey eo. ¹³Sady ndrozy ro nanday fitsangana vavolombelo diso, le nivola hozao: "Lahilahy retoa ro tsy mijano mibola raty toera masy toy noho ty lalà. ¹⁴Fa zahay ro nahare azy nivola fa Jesosy baka Nazareta any io ro handrava toera toy noho hanova fomba ze namea i Mosesy antsika io." ¹⁵Iaby ze nipetsaky tamy ty toera ty mpanomesay eo rey ro nandiniky azy ka le nahita fa amanahaky ty anjely ty toerany.

Chapter 7

¹Ty mpisorobey nivola hozao: "Marina va iaby zay?" ²Stefana nivola hozao: "Rahalahy noho ray, janjino zaho: "Ty Njanahary ty voninahitsy niboaky tamy ty babantsika Abrahama tamy ie ta Mesopotamia any, taloha ty nipetsahany ta Harana ao; ³nivola taminy le hozao: "Mialà amy ty taninao eo iha noho longonao rey, sady mandehana amy azy tany ze atoroko anao iny ao." ⁴Bakeo niala an'i azy tany ty Kaldeana iny ie sady nipetsaky ta Harana any; nanomboky eo, tafara ty nahafatesa ty babany, nandesin-Janahary tamy tany io ie, ze hipetsahanao zao. ⁵Tsy nameany ho lova teo ie, aha, tsy ampy hametsahany tombony aza. Fa nanome toky ie ndra le mbo tsy nana-anaky aza i Abrahama fa ie ro hanome ty tany ho fananany noho ho an'i tarihany rey afarany any. ⁶Njanahary le niresaky taminy manahaky zao, fa tarihany rey ro hipetsaky ela amy ty tany ty firenea-hafa ao, sady olo ao rey ro handay androzy amy ty fanandevoza noho fampijalea anay ty efa-jato tao. ⁷Nefa ho tsarako ty firenea ze tompon-drozy, hoy Njanahary, 'sady afara zay ro hamonjy noho hanompo Ahy amy toera io eo ndrozy. ⁸Bakeo namean-Janahary an'i Abrahama ty fanenkea amy ty fisavara, ka le i Abrahama ro nanjary baba Isaka sady nanavatsy azy tamy ty andro fahavalo; Isaka ro nanjary baba i Jakoba, sady Jakoba nanjary baba patriarika folo roa amby rey. ⁹Safe patriarika rey ro nitariky an'i Josefa, ka le navilin-drozy ta Egipta any ie; fa Njanahary ro niaraky taminy ¹⁰sady namonjy azy tamy ty raha mahazo azy iaby. I Josefa ro nameany fankasitsaha noho fahendrea tanila i Farao eo, mpanjaka Egipta, ze nampipetsaky azy ho governora manapaky an'i Egipta noho anabo hananany iaby. ¹¹Sady le avy ty mosary nameno an'Egipta noho Kanana, noho fijalea bevata, sady razantsika rey le tsy nahita hany. ¹²Fa lafa nahare i Jakoba fa nisy vary ta Egipta ao, nandefa razantsika rey tamy ty lian-drozy velohany ie. ¹³Tamy ty lian-drozy faharoe i Josefa nampahay ty safany tamy ty rahalahiny, sady ty longo i Josefa le nanjary hay i Farao. ¹⁴Josefa ro naniraky rahalahiny rey hivola an'i Jakoba babany mba hoavy Egipta any, miaraky amy longony iaby rey, tamy ty fitopolo limy amby olo eo laha aharo. ¹⁵Laha zay Jakoba le nijotso ta Egipta ao, sady maty ie, ie noho razantsika rey. ¹⁶Nitakony ho a-Sekema any ndrozy sady nalevy tamy azy lolo ze nivily i Abrahama iny any tamy ty volafoty tamy anaky i Hamora rey ta Sekema any. ¹⁷Lafa nanenky ty fotoa azy fampanantena iny, azy fampanantena ze nanovin-Janahary iny tamy i Abrahama, le nihalako noho nitombo ty olo ta Egipta ao, ¹⁸zisiky-itsangana ty mpanjaka hafa ta Egipta ao, mpanjaka ze tsy nahay ty mikasiky an'i Josefa. ¹⁹Mpanjaka io avao ro namitaky ty olo lakontsika noho nampijaly razantsika rey, ndrozy ro niforise ty razantsika hiala ty anany ambava loza rey mba tsy ho velo. ²⁰Tamy fotoa zay i Mosesy ro teraky; ie ro soa tanilan-Janahary eo sady niteza telo vola tan-tsano ty Babany ao. ²¹Lafa niboaky tambaliky eny ie, le ty anak'ampela i Farao ro nampitsanga noho niteza azy manahaky ty anakilahiny. ²²I Mosesy ro nampianary fahendrea iaby nanana ty Egyptiana rey, sady ie ro nahery tamy ty safany noho ty asany. ²³Ka le lafa ho efapolo tao ie, niavy tampony ao ty hisafo rahalahiny rey, anak'Israely. ²⁴Nahita israelita raiky ze nampijaly ka le niaro azy i Mosesy sady namaly an'i azy ze nampijaly iny azy tamy ty famonoa azy Egyptiana iny rey: ²⁵Nidiniky ie fa ho azo ty rahalahiny rey fa tamy ty alala ty tanany Njanahary ro nanarombaky androzy, nefa le tsy azon-drozy zay. ²⁶Ty andro manaraky le avy tamy Israelita ilany rey ao ie laha ndrozy nifamaly; nanondrotsy ty nampieny ty kirai-draiky iaby ie, nivola hozao: "Lahilahy, nareo ro mpirahalaha, manino nareo ro mifandratsy?" ²⁷Fa ty raiky ze nanao tsy nety tamy ty namany nanosiky azy, sady nivola hozao: "Ia ro nanondro anao ho mpanapaky noho hitsara anay? ²⁸Teanao va ty hamono ahy, manahaky ty namonoanao Egyptiana rey tamy maly?" ²⁹Niala i Mosesy lafa nahare zay; nanjary vahiny ie tamy ty tany ty Midiana ao, ze niterahany ty anakilahiny roe. ³⁰Lafa lisatsy ty efapolo tao, nisy anjely raiky niboaky taminy tambaliky any tam-bohitsy Sinay eny, tamy ty lelan'afo azy voaroy nirehitsy iny. ³¹Lafa jilo i Mosesy azy afo, jilovy iny ie tamy fahita iny; sady lafa namonjy ie ka le nanenty azy ie iny, ingo baka any nisy feo ty Tompo nivola hozao: ³²"Zaho ro Njanahary ty razanareo, Njanahary i Abrahama, noho Isaka, sady Jakoba." Nangitikitiky i Mosesy sady tsy bahasaky nanenty. ³³Ty Tompo nivola taminy hozao: "Alao ty kapa amy ty tombonao eny, fa toera ze hitsangananao io le tany masy. ³⁴Fa hitako vatany ty fijalea ty olo lakoko ze Egipta ao, reko ty fitorevan-drozy, sady fa nijotso nanarombaky androzy Saho; ka le amy zao, alefako ho Egipta any iha." ³⁵Io azy Mosesy ze nivolin-drozy iny, lafa nivola androzy hozao: "Ia ro nanondro anao ho mpanapaky noho ho mpitsara?" Ie azy raiky ze nalefan-Janahary iny sady ho mpanapaky mpanarombaky rey. Njanahary nandefa azy tamy ty alala ty tana azy anjely ze niboaky tamy i Mosesy iny tamy ty voaroy eny. ³⁶Nitariky androzy hiala ta Egipta ao i Mosesy, lafa baka nanao fahatsereha noho fahaiza ta Egipta ao noho tamy ty riaky mena eny, sady tanefitsy eny tanay ty efapolo tao. ³⁷Io avao azy Mosesy ze nivola tamy ty olo lakon'Israely iny hozao: "Njanahary ro nampitsanga ty to-resaky ho ahy nareo amy ty rahalahinareo eo, to-resaky manahaky ahy." ³⁸Ie azy lahilahy ze tan-degilizy ao iny tan'efitsy ao niaraky tamy azy anjely ze nivola taminy iny tam-bohitsy i Sinay eny. Ie azy lahilahy niaraky tamy eazantsika iny; ie azy lahilahy ze nandramby ty safa valo zara ho antsika. ³⁹Ie azy lahilahy ze tsy nanenky ty razantsika iny; natosikin-drozy lavitsy androzy ie, sady ampon-drozy any ro nimpoly ta Egipta

any ndrozy. ⁴⁰Tamy fotoa io nivola tamy i Arona ndrozy hozao: "Hanovy Njanahary zahay hitariky anay, manahaky an'i Mosesy, ze nitariky antsika hiboaky a-Egypta any, tsy haintsika ze nitsanga taminy." ⁴¹Sady nana aomby lahy kelikely ndrozy tamy andro zay sady nanday fanomeza tamy sampy iny eo, sady nifaly tamy ty asantanany ndrozy. ⁴²nitoliky Njanahary sady nanenga androzy mba ho fanompoa basia an-danitsy any rey, manahaky ty voasoratsy tamy ty boky ty olo to-resaky ao: "Nareo va nanome ahy biby maty noho fanomeza anay ty efapolo tao tan'efitsy any, tsano ty Israely?" ⁴³Nenkenareo ty tabernakely i Moloka noho ty basian-Janahary Refana, noho sary ze anovinareo hanompoa azy tey, sady zahao handay anareo mndilatsy i Babylona any. ⁴⁴Razantsika rey ro nana tabernakely ty fitsanga vavolombelo tanefitsy ao, manahaky ty bekon-Janahary lafa nivola tamy i Mosesy Ie, ze tokony nanoviny nitovy tamy azy azy fomba fa hitany iny. ⁴⁵Azy tsanolay ze nala razantsika rey io, sady nandesiny tamy azy tany niaraky tamy i Josoa iny, tanila razantsika rey, fanana ty firenea ze nandroahan-Janahary ty tany ze nirambesin-drozy rey ho fananan-drozy manoka, Azy tsanolay iny ro nipetsaky tamy azy tany iny ao tanay ty andro i Davida, ⁴⁶sady ie nahazo fankasitsaha tamy ty fahitan-Janahary ao sady nanontany laha hahita toera hipetsaha ho ahin-Janahary i Jakoba. ⁴⁷Fa i Salomona ro namboatsy ty tsano ho an-Janahary. ⁴⁸Ndra zay aza, ty abo bibiky ro tsy nipetsaky tamy ty tsano vita tamy ty tana ao, manahaky ty voavola ty olo to-resaky hozao: ⁴⁹"Ty lanitsy ro seza fipetsahako, sady ty tany ro fipetsahan-tomboko. Tsano manahaky ino ro afaky hamboarinao ho ahy? hoy ty Tompo, ndra toera manahaky ty ino ro hijanonako?" ⁵⁰Tsy tanako va ro nanao raha iaby rey? ⁵¹Olo mahery rey hatoka noho tsy vita savatsy am-po ao noho sofy, nareo ro manohitsy avao ty Fanahy Masy; nareo ro manao manahaky ze nanovy ty razanareo. ⁵²Ia tamy razanareo rey ro tsy nanenjiky olo to-resaky rey? Nivonon-drozy ty olo to-resaky ze niboaky taloha ty fiavia azy Fahamarina iny, sady amy zao nareo le nanjary mpadiky noho mpamono azy koa, ⁵³nareo olo lako ze nandramby ty lalà ze napetsa anjely rey, nefa tsy nitandrahanareo zay." ⁵⁴Sady lafa nahare raha rey ty mpiharo amy ty fila-hevitsy ao, tofotsy ty fon-drozy, sady nihily vava ndrozy tamy ty Stefana. ⁵⁵Fa ie, ze atsiky Fanahy Masy, nanenty soa ty lanitsy sady nahita ty voninahitsin-Janahary, sady nahita an'i Jesosy nitsanga tan-kavanan-Janahary. ⁵⁶Stefana nivola hozao: "Hentao, hitako mivoha lanitsy rey, sady ty anak'olo mitsanga ankavan-Janahary." ⁵⁷Teo amy zay le nitoroe mpiharo rey amy ty fila-hevitsy ao ty sofin-drozy, sady nikoraky tamy ty feo anabo, nilay ndrozy nana aminy any. ⁵⁸Nitarihin-drozy ambaliky ty tanà any ie shady nanomboky nitoraky-vato azy ndrozy, sady vavolombelo rey ro nampipetsaky ty salotsiny tamy ty tsombo azy anak'aja lahilahy kahihe hoe Saoly iny eo. ⁵⁹Laha nitoraky-vato an'i Stefana iny ndrozy, nikaiky mare ty Tompo ie sady nivola hozao: "Tompo Jesosy, rambeso ty fanahiko." ⁶⁰Nandohaliky ie sady nikaiky tamy ty feo mahery hozao: "Tompo, ka tandraha ota hanohera androzy zao." Lafa baka nivola zay ie le andesin-droro.

Chapter 8

¹Nanenky ty fahafatesany i Saoly. Ka le nanomboky tamy andro io ty fanenjeha bevata hanohera ty egilizy ze ta Jerosalema ao; sady mpino iaby reh ro niparitaky nameno faritsy Jodia rey noho Samaria, hafa ty apostoly.

²Lahilahy manohitsy an-Janahary rey ro nandevy an'i Stefana sady nanao hira fisaora azy. ³Fa Saoly ro nanimba tanteraky ty egilizy; nitety tsano ie sady nangalaky lahilahy rey noho ampela rey, sady nandefa androzy tan-tsano maiky any.⁴Fa mpino rze niparitaky rey ro nandeha nanambara ty safany. ⁵Filipo ro nijotso tamy ty tanà-bevata ty Samaria any sady nanambara an'i Kristy tamin-drozy.⁶Lafa nahare noho nahita fahaiza ze nanovy i Filipo rey ty olo lako mare, le nifantoky soa tamy ze nivolaniny ndrozy. ⁷Fanahy maloto rey ro niboaky tamy lako ze nilirany rey, nikoraky mare, sady lako tamy malemy noho kolatsiky rey ro afaky. ⁸Laha zay le nisy fifalea bevata tamy azy tanà-bevata iny ao.⁹Fa nisy lahilahy raiky nikaihe hoe Simona tamy ty tanà-bevata ao, ze vo malaky ro nihisa aoly; san'andro nahatseriky olo lako ty Samaria rey ie, lafa manambara fa ie ro olo manan-danja. ¹⁰Samaritana iaby rey, manomboky amy ty kelikely bibiky ka le zisiky amy ty bey bibiky kable zisiky amy ty bey bibiky, le nijanjy soa azy; sady hoy ndrozy hoo: "Lahilahy io ro azy fahefan-Janahary ze kaihy hoe Beavata io." ¹¹Ndrozy ro nijanjy azy, safe ie ro nahatseriky androzy fa anay ty fotoa ela tamy aoliny rey.¹²Fa lafa nono an'i Filipo ndrozy noho ie nitory ty filazantsara mikasiky ty fanjakan-Janahary noho ty anara i Jesosy Kristy, le nanovy batisa ndrozy, ndra lahilahy ndra ty ampela rey. ¹³Ndra i Simona aza le nino, sady tafara ty nananova batisa azy le nijano niaraky tamy i Filipo avao ie. Lafa nahita fahaiza noho asa bevata ze niboaky rey ie, le tseriky.¹⁴Sady lafa re apostoly rey ta Jerosalema ao fa nadramby ty safan-Janahary Samaria, le nalefan-drozy tamin-drozy any i Petera noho Jaona. ¹⁵Lafa nijotso ndrozy, le nivavaky ho androzy rozy, mba mety handrambesan-drozy ty Fanahy Masy. ¹⁶Fa zisikimahavy fotoa zay, le mbo tsy nisy nilatsaha ty Fanahy Masy mihintsy ndrozy; fa vita batisa tamy ty anara i Tompo Jesosy avao. ¹⁷Bekeo i Petera noho Jaona le nameteaky ty tanany tamin-drozy eo, sady le nandramby ty Fanahy ndrozy.¹⁸Sadyblafa hita i Simona fa ty Fanahy Masy ro namea tan-tana apostoly rey eo tamy ty alala ty fametsahan-tana, le nameany jala ndrozy. ¹⁹Hoy ie hoo: "Ameo ahy avao koa fahefa zay, kanle ze iaby ametsahako tana le mety handramby ty Fanahy Masy."²⁰Fa hoy i Petera taminy hoo: "Ho rava miaraky aminao lahy ty volafotinao, safe iha nieritseritsy ty hahazo ty fanomezan-Janahary amy ty alala ty jala. ²¹Iha ro tsy mana anjara ndra pakilany amy raha zay, safe ty fonao ro tsy marina amin-Janahary. ²²Laha zay mibebaha amy ty haratianao, sady mivavaha amy Tompo, tsy noho mba mety hanenga ty faniria ty fonaoa Ie. ²³Fa zaho mahita fa iha ro voapoizy ty lolom-po noho voafehy ty fahota iha."²⁴Simona namaly sady nivola hoo: "Mivavaha amy ty Tompo ho ahy, mba tsy hisy hitsanga amiko ze nivolaninao rey."²⁵Lafa nitsanga vavolombelo noho nanambara ty safa ty Tompo ndrozy, le nimpoly ta Jerosalema any i Petera noho Jaona, nanambara ty filazantsara tamy tanà lako a-Samaritana ao rey.²⁶Sady nisy anjely ty Tompo niresaky tamy i Filipo sady nivola hoo: "Mitsangana sady mandehana manantimo ty lala mijotso baka Jerosalema any mana Gaza any." (Lala io ro anefitsy any.) ²⁷Le nitsanga ie sady nandeha. Ingo, nisy lahilahy baka Etiopia any, tandapa ty Kandasy, mpanjaka ampela Etiopiana. Ie ro niantoky ty heriny iaby. Nivavy ta Jerosalema any ie mba hanompo. ²⁸Sady noly ie ka le nipetsaky tamy ty kalesany eo, sady namaky ty safa i Isaia to-resaky.²⁹Sady azy fanahy iny nivola tamy i Filipo hoo: "Mandehana sady ka miala lavitsy kalesa io." ³⁰Ka le nilay namonjy azy ie, sady nahare azy namaky ty safa tamy Isaia to-resaky ao, sady nivola hoo: "Azona va vakinao io?" ³¹Nivola azy Etiopiana iny nanao hoo: "Ino ro hahazako, laha tsy misy olo mitari-dala ahy?" Nangataky an'i Filipo ie mba hamonjy ty kalesa sady hipetsaky hiaraky aminy.³²Sady ty andala-tsoratsy masy ze nivaky azy Etiopiana iny ro nanao hoo: "Nandesy ho vonoe manahaky ty aondry ie, sady manahaky ty anak'aondry moa aloha ty mpanety azy eo, laha zay le tsy niolabava ie. ³³Fa tamy ty fangala-baraka azy ro nala taminy ty rariny. Ia ro afaky hanoritsy tanteraky tarihany rey? Laha ty ainy nala tan-tany eto."³⁴Laha zay le nanontany an'i azy tandapa iny i Filipo, nanao hoo: "Mangataky aminao zaho, ie ro resahy olo to-resaky io, ty vatany avao va, sa olo-hafa?" ³⁵Nanomboky nivola i Filipo, sady nanomboky tamy soratsy masy zay ro nanambarany mikasiky an'i Jesosy taminy.³⁶Lafa nandeha tan-dala sny ndrozy, le namonjy tamy ze nisy rano eny ndrozy sady hoy azy tandapa iny hoo: "Ingo, misy rano eto. Ino ro mahasaka ahy tsy anovy batisa?" ³⁷(Fanamariha: Hoy Filipo hoo: "Laha mino amy ty fonao iaby iha, le afaky anovy batisa." Azy Etiopiana iny namaly hoo: "Mino zaho fa Jesosy Kristy Anan-Janahary.") ³⁸Ka le nanovy azy Etiopiana iny najano azy kalesa iny. Nijotso nana amy ty rano eny ndrozy, i Filipo noho azy tandapa iny, sady nanovy i Filipo batisa ie.³⁹Lafa niboaky ty rano ndrozy, le nandesy ty Fanahy ty Tompo i Filipo, ka le tsy hita azy tandapa iny sasy ie, fa nandeha tam-pifalea tamy ty lalany eny. ⁴⁰Fa i Filipo ro niboaky ta Azota any sady nitety faritsy io ie, nanambara ty filazantsara era ty tanà-bevata iaby zisiky mahavy azy ta Kaisaria any.

Chapter 9

¹Fa i Saoly, ro mbo nivola fiketseha avao eny fa ndra le zisiky amy ty famonoa manohitsy mpianatsy ty Tompo rey aza, nandeha tamy ty mpisorobey any ²sady nanontany androzy taratasy rey ho ahy ty synagoga rey ta Damaskosy ao, ka le laha mahita ndra ia ndra ia amy ty Lalany eo ie, ndra lahilahy ndra ampela, le andesiny hifehy a-Jerosalema ao ndrozy.³Laha mbo nandeha ie, le zao ro niseho lafa avy tanila i Damaskosy eo ie, tampoky teo oe nisy hazava nipiriaky niodidy azy baka an-danitsy any; ⁴sady nilavo tamy ty tany ie ka le nahare feo nivola taminy hozao: "Saoly, Saoly, nanino iha ro manenjiky ahy?"⁵Saoly namaly hozao: "Ia iha, Tompo?" Hoy ty Tompo: "Zaho ro Jesosy ze enjehinao, ⁶fa mitsangana, milira amy ty tanà ao, sady hovolany aminao ze tsy maintsy hanovinao." ⁷Ty lahilahy ze niaraky-lia tamy i Saoly le nitsanga tsy nahavola, nahare ty feo, fa tsy nahita an'ia an'ia.⁸Nitsanga baka amy ty tany i Saoly, sady lafa namoha ty masony ie, le tsy afaky nahita ndra ino ndra ino ie; ka le nitandranan-drozy tamy ty tanany ie sady nandesy ta Damaskosy any. ⁹Tsy nahiratsy ie anay ty telo andro, sady tsy nihina ie ro sady tsy nino.¹⁰Sady nisy mpianatsy ta Damaskosy ao kaihe hoe Ananiasy. Nivola taminy tamy ty fahita ty Tompo: "Anasiasy!" Hoy ie: "Ingo, toy zaho, Tompo." ¹¹Nivola taminy ty Tompo: "Mitsangana, sady mandehana amy ty lala ze kaihe hoe Mahity any, sady lafa an-tsano i Jodasy ao le mangataky amy azy lahilahy baka Tarsosy any iny kaihe hoe Saoly, fa mivavaky ie." ¹²Fa nahita tamy ty fahita ty longo ty olo kaihe hoe Ananiasy ie sady hametsaky ty tanany aminy eo, ka le mety hahita ndraiky ie.¹³Fa namaly Ananiasy hozao: "Tompo, fa nahare tamy ty lako mikasiky olo io zaho, mikasiky ty raty nanoviny tamy ty olonao masy ta Jerosalema ao. ¹⁴Nana fahefa tamy loha ty mpisoro rey ie mba hanambotsy ze iaby mikaiky ty anaranao eto." ¹⁵Fa ty Tompo nivola taminy hozao: "Mandehana, fa ie ro fitaova nitinginiko, mba handay ty anarako aloha ty Jentilisa eo noho mpanjaka rey sady ty anak'Israely; ¹⁶fa hatoroko azy hoe ino ty fijaleany noho ty amy ty anarako." ¹⁷Ka le lasa i Ananiasy, sady nilitsy tamy ty tsano ao. Nametsaky ty tanany taminy eo, le nivola ie hozao: "Rahalahy Saoly, ty Tompo Jesosy, ze niboaky taminao tan-dala eny lafa nanatoy iha, ro nandefa ahy tatoy mba mety hahitanao sady ho atsiky ty Fanahy Masy." ¹⁸Teo no ho eo ke raha manahaky ty isam-pia ro niendaky direkita tamy ty maso i Saoly eo, sady nahita ie; nitsanga ie sady nanovy batisa; ¹⁹sady nihina ie ka le nahazo hery. Nipetsaky niaraky tamy mpianatsy rey ta Damaskosy ao anay ty andro lako ie.²⁰rekita le namabara an'i Jesosy tamy ty Synagoga ao ie, nivola fa le ro Anakin-Janahary. ²¹Ze iaby nahare azy le tseriky sady nivola hozao: "Tsy olo io va ro namono tany Jerosalema ze nikaiky tamy anara io any? Nivavy teto ie mba hangalaky androzy ho fehezy ho amy ty mpisorobey any." ²²Fa nanjary nihanahery i Saoly, sady nampijaly ty Jiosy ze nipetsaky ta Damaskosy ao ka le nanaporofa fa Jesosy ro Kristy.²³Tafara ty andro lako, niaraky-nanao asa mba hamono androzy Jiosy. ²⁴Fa nanjary hay i Saoly ty tetikin-drozy. Sady nandiny ty vavahady andro noho haly mba hamono azy ndrozy. ²⁵Fa nangalaky azy tamy ty haly mpianatsiny rey sady nanenga azy hijotso tamy ty rindry, nampijotso azy tanay sobiky ao.²⁶Lafa avy ta Jerosalema eo ie, le nanondrotsy ty hamonjy mpianatsy i Saoly rey, nefa natahotsy azy iaby rey, twy nino fa mpianatsy ie. ²⁷Fa nangalaky azy i Barnabasy sady nanday azy tamy Apostoly rey eo, sady nivola tamy rey ie hoe ino ro nahita i Saoly ty Tompo tan-dala eny noho ty nivolana ty Tompo taminy, sady ino ro nitoria i Saoly am-pasakia tamy ty anara i Jesosy ta Damaskosy ao.²⁸Nitojiky tamin-drozy ie lafa nilitsy sady niboaky an'i Jerosalema. Nivola am-pisakia tamy ty anara i Jesosy Tompo ie ²⁹sady nialy hevitsy niaraky tamy Jiosy Grika rey; nefa mbo niezaky ty hamono azy avao ndrozy. ³⁰Lafa hay rahalahy rey zay, le nandesin-drozy nijotso ta Kaisaria any ie sady nalefany ho a-Tarsosy any ie.³¹Sady bakeo, ty egilizy nameno an'i Jodia iaby, Galilia, sady Samaria anana fiadana sady vita voatsy; sady, nandeha tamin-tahotsy ty tompo noho tamy ty fampionona ty Fanahy Masy, ka le nitombo hisa ty egilizy. ³²Le avy zay amy zao, laha nandeha nameno ty faritsy iaby Petera, le nandeha nijotso tamy mpino rey any ze nipetsaky tamy ty tana i Lyda ao avao koa ie.³³Nahita olo kaihy hoe Aenasy tao ie, ze fa tam-pandreany eo tanay ty valo tao, safe nalemy ie. ³⁴Petera nivola taminy hozao: "Aenasy, manafaky anao Jesosy Kristy. Mitsanga sady amboaro ty firororanao," sady niaraky tamy zay le nitsanga ie. ³⁵Fa ze iaby nipetsaky ta Lyda ao noho Sarona ao le nahita ty lahilahy ka le nitoliky tamy ty Tompo ndrozy.³⁶Sady nisy mpianatsy raiky kaihy hoe Tabita ta Jopa ao, ze adika hoe "Daokasy." Nanao asa soa lako ampela io sady nanao fanampea atsiky asa ferinay ze nanoviny ho ahy ty mijaly. ³⁷Tamy andro rey ro narary ie sady maty; lafa nanasa azy ndrozy, le napetsakin-drozy tamy ty efitsano anabo ao ie.³⁸fe fa nanenky an'i Lyda i Jopa, sady nahare mpianatsy rey fa ta Petera, le nandefa olo roe taminy any ndrozy, nangataky azy: "Nivavy aminay any tsy misy atak'andro lahy." ³⁹Nitsanga Petera sady nandeha niaraky tamin-drozy. Lafa avy ie, le nanday azy tamy ty efitsy anabo ndrozy, sady ty mpandaivata iaby nitsanga tanilany eo nitany, nimpitro azy salotsy noho ty siky ze nanovy Dorkasy tamy ie mbo niaraky tamin-drozy rey. ⁴⁰Nalefa i Petera tambaliky ty efitsy any rozy iaby, nandohaliky, sady nivavaky; bakeo, nitoliky tamy azy raza iny, nivola ie hozao: "Tabita, mitsanga." Le namoha ty masony ie bakeo, sady nahita an'i Petera ie le niary. ⁴¹Bekeo nanome-tana azy Petera sady nampitsanga azy; sady lafa nikaiky mpino rey noho mpandaivata rey ie, le

naboakiny tamin-drozy ry fahavelomany. ⁴²Nanjary hay nameno an'i Jopa iaby raha zay, sady olo lako ro nino ty Tompo. ⁴³Tamy Petera zay ro nipetsaky andro lako niaraky tamy azy lahilahy raiky kaihe hoe Simona iny ta Jopa ao, ze mpandoko holitsy.

Chapter 10

¹Sady nisy lahilahy raiky tamy ty tana ty Kaisaria ao, anovy hoe Kornelio, kapiteny antoko Maramila Italiana rey.

²Lahilahy mpivavaky ie, azy raiky ze manompo an-Janahary miarakany amy ty longony iaby rey; nanome jala lako an'i ze tanay ty tsy fanampea ao ie, sady nivavaky zisiky farany tamin-Janahary.³Nidididy ty tamy ty lera tamy sivy maray teo ho eo, nahita mazava tamy ty fahita anjelin-Janahary namonjy azy ie. Azy anjely nivola taminy iny hozao: "Kornelio e!"⁴Kornelio nibanjy azy anjely iny sady tena natahotsy ka le nivola hozao: "Fa ino toy, tompoko?" Azy anjely nivola taminy hozao iny: "Olo lako rey noho fanomezanao ho ahy ty mijaly le niakatsy ho fanomeza-pahatiarova anilan-Janahary eo."⁵Sady maniraha lahilahy hana amy ty tanà ty Jopa any mba hangalaky lahilahy raiky iny any anovy hoe Simona ze kaihe hie Petera.⁶Mipetsaky miarakany amy ty mpandoko holitsy kaihe hoe Simona ie ze amy sisin-driaky ty tsanony eny."⁷Lafa nandeha azy anjely ze niresaky taminy iny, le nikaiky ty roe tamy ty mpiasany tan-tsano i Kornelio ao, sady maramila mpivavaky raiky tamy ze nanompo azy rey.

⁸Kornelio nivola tamin-drozy ze iaby niseho sady nandefa androzy ta Jopa any.⁹Sady lafa ny maray nidididy ty lera faha-eny teo, laha mbo tan-dala eny ndrozy ka le namonjy ty tanà, le niakatsy tanabo tafon-tsano eny i Petera mba hivavaky.¹⁰Nanomboky niha-mosary ie bakeo ka le nila raha ho hany, nefa laha mbo tam-piketseha hany ty olo eo, le nahita fahita ie,¹¹sady nahita ty lanitsy nivoha ie noho fanajaria raiky nijotso, manahaky ty siky bey mijotso an-tany etoy, ampijotsoa amy ty zorony efatsy.¹²Tao ro nisy karazam-biby manan-tomboky efatsy noho raha ze milaly iaby an-tany eto, sady ty voro ty lanitsy.¹³Le nisy feo nivola taminy hozao: "Mitsangana, Petera, mamono sady mihina."¹⁴Fa i Petera nivola hozao: "Aha, Tompo; fa mbo tsy nihina raha ze voarara noho tsy malio nihintsy zaho."¹⁵Fe niavy taminy fanindrony ndraiky azy feo hozao iny: "Ze niliovin-Janahary, le tsy kaihe hoe faly."¹⁶Niseho in-telo zay; sady bakeo azy fanajaria iny ro nimpoly niakatsy teo no ho eo tan-danitsy any.¹⁷dy tsobo hevitsy mikasiky ty dika azy fahita ze hitany iny Petera, le ingo, lahily ze nalefa i Kornelio nitsanga aloha ty vavahady rey, bakeo ndrozy le nanontany ze lalan-drozy mana an-tsano ao.¹⁸Le nikaiky ndrozy sady nanontany an'i Simona, nikaihy avao koa hoe Petera, ze nijano teo.¹⁹Laha mbo nieritseritsy mikasiky azy fahita i Petera iny, le nivola taminy ty Fanahy hozao: "Ingo, lahilahy telo ro mila anao. (Fanamariha: "Lahilahy roe ro mila anao" ndra " misy lahilahy ilany mila anao.)"²⁰Mitsangana sady mijotsoa ka le miaraha amin-drozy. Ka misalasala miarakany amin-drozy, safe zaho ro nandefa androzy.²¹Sady Petera nijotso tamy lahilahy rey ka le nivola hozao: "Zaho azy ilanareo iny. Ino ro dikany hiavianareo?"²²Hoasan-drozy hozao: "Ty kapiteny kaihe hoe Kornelio, lahilahy marina sady olo ze manompo an-Janahary, sady soa laza amy ty firenea ty Jiosy iaby rey, ze nivolany ty anjely masin-Janahary mba hangalaky anao ho an-tsanony any, naha zay le afaky mijanjy ty hafatsy baka aminao ie."²³Le nanasa androzy hilitry noho hijano hiaraky aminy Petera. Lafa maray marain-dray iny le nitsanga ie ka le niarakany tamin-drozy, sady ty ilany tamy rahalahy baka Jopa any rey le nanoriky azy.²⁴Ty andro manarakany le nana Kaisaria ao ndrozy. Kornelio ro nandiny androzy; nikaihiny niarakany ty longiny noho ty namany mariny.²⁵Sady tamy zay lafa nilitsy Petera, nifankahita taminy i Kornelio sady nandohaliky tan-tombokiny eo mba hanompo azy.²⁶Fa Petera nanampy azy, nivola hozao: "Nitsangana! Zaho avao koa le olo avao."²⁷Laha mbo niresaky niarakany taminy i Petera, le nilitsy ie sady nahita olo lako mare niarakany-nivory.²⁸Hoy ie tamin-drozy hozao: "Ty vatanareo mahay fa tsy ara-dala ho ahy ty Jiosy ty miara-miasa ndra mamangy olo baka amy ty firenea hafa. Fa Njanahary nanoro tamiko fa tsy tokony hikaiky olo-faly ndra tsy malio zaho."²⁹Zay ro dikany niaviako tsy nisy fankasitsaha, lafa nirahy Zaho. Ka le manontany anareo Zaho hoe nanino nareo ro maniraky ho ahy."³⁰Kornelio nivola hozao: "Efatsy andro aloha lera zao bibiky, le nivavaky tan-tsanoko ao zaho tamy ty lera fahasivy; sady nahita, lahilahy raiky nitsanga talohako eo nanao salotsy nipiriaky."³¹Hoy ie hozao: "Kornelio e, fa ren-Janahary ty vavakinao, sady fanomezanao ho ahy ty mijaly rey le mampahatiaro an-Janahary ty mikasiky anao."³²Laha zay le maniraha olo ho Jopa any, sady kaiho mana aminao any azy lahilahy anovy hoe Simona ze kihy hoe Petera iny. Mipetsaky an-tsano i Simona mpandondondrozy ao kaihe hozao: "Simona ie, ze amy sisin-driaky eny." (Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ro manampy hozao: "Lafa avy Ie, le hiresaky aminao.")³³Sady direkita le nalefako ho ahy nao. Soa ty fiavianao. Sady amy zao, tsika iaby avy amason-Janahary eto, mba hijanjy iaby ze nivolany ty Tompo anareo rey ro volany." (Fanamariha: "Laha tokony ho: "volany ty Tompo ro volany" ro eo, le ty dikan-tsafa taloha le hozao: "nivolanin-Janahary ro volany.")"³⁴Bakeo le namoha ty vavany Petera sady nivola hozao: "Marina vatany, haiko fa Njanahary ro tsy miaritsy ndra amin'ia ndra amin'ia."³⁵Fa koa, amy ty firenea any kirai-draiky ndra ia ndra ia ro manompo noho manao asa marina le enkeny iaby.³⁶Hainareo azy hafatsy ze nalefany iny ho ahy ty olon'Israely, lafa nanambara filazantsara mikasiky ty fiadana baka amy ty alala i Jesosy Kristy ie, ze Tompo ty iaby-³⁷Nareo vatanareo ro mahay raha-niboaky rey, ze tena niseho tamy ty toera iaby rey ta Joda ao, nanomboky ta Galilia any, tafara ty batisa ze nambara i Jaona ao;³⁸raha niseho mikasiky an'i Jesosy ty Nazareta rey, ty fomba nanosoran-Janahary azy tamy ty Fanahy Masy noho tamy ty hery. Nandeha nanao soa ie sady nanafaky iaby ze voasazy ty

devoly rey, safe Njanahary ro niaraky taminy.³⁹Tsika ro vavolombelo raha-vita i Jesosy iaby rey,tamy ty tany ty Jiosy any noho ta Jerosalema any. Nivonon-drozy ie tamy ty alala ty fanontanea azy tamy ty hazo eo,⁴⁰fa Njanahary nampitsanga azy tamy ty andro fahatelo sady nanao ze hahita azy,⁴¹tsy olo iaby rey, fa vavolombelo ze voatingin-Janahary aloha-tsika ze nihina noho nino niaraky taminy tafara ty nitsanganany tamy maty ao rey.⁴²Nibeko anay ie mba hanambara amy ty olo noho hitsanga vavolombelo fa ie ie azy daiky nitinginin-Janahary ho Mpitsara ty velo noho ty maty iny.⁴³Ho azy ro hitsangana ty to-resaky iaby vavolombelo ,mba ho ze mino azy rey ro handramby fanenga-ty heloky amy ty alala ty anarany.⁴⁴Laha mbo nivola raha zay i Petera, le nilatsaky tamy iaby ze nijanjy ty hafatsiny rey ty Fanahy Masy.⁴⁵Olo tanay ty goropy ty mpino vita savatsy rey ao- ze iaby niaraky tamy i Petera rey- le tseriky, safe ty fanomeza ty Fanahy Masy ro narotsaky ho ahy ty Jentilisa avao koa.⁴⁶Fa ren-drozy Jentilisa rey ze mivola amy fivolana hafa noho mankalaza an-Janahary rey. Le namaly petera hozao: ⁴⁷Moa va misy olo afaky mitandraky rano mba tsy hananova batisa androzy, olo ze nandramby ty Fanahy Masy manahaky antsika rey koa? ⁴⁸Le nibeko androzy mba ho anovy batisa amy ty anara i Jesosy Kristy ie. Sady nangataky azy ndrozy mba hipetsaky hiaraky amin-drozy anay ty andro kelikely.

Chapter 11

¹Sady apostoly noho rahalahy ze ta Jodia nahare fa Jentilisa any rey avao koa any le nandramby ty Safan-Janahary.² Lafa niakatsy ta Jerosalema any i Petera, ze tamy ty antoko vita savatsy rey ao ro nitsiko azy; ³hoy ndrozy hozo: "Iha niharo niaraky tamy lahilahy tsy vita savatsy rey sady nihina niaraky tamin-drozy!"⁴Fa Petera nanomboky nanazava ty raha-niseho tamin-drozy tamy ty sasan-tsasany; hoy ie hozo: ⁵"Nivavaky tamy ty tanà ty Jopa any zaho, sady nahita fahita ty amy ty fisian-draha raiky ze nijotso, manahaky ty siky bevata najia baka an-danitsy any amy zorony efatsy rey zaho. Nijotso tamiko eo zay. ⁶Nibanjy zay zaho sady nisaintsay mikasiky zay. Nahita biby manan-tomboky efatsy rey ty tany, biby-li rey, biby milaly rey, sady voro amy ty lanitsy eny rey zaho. ⁷Bakeo zaho le nahare feo nivola tamiko hozo: "Mitsangana, Petera; mamono sady mihina." ⁸Hoy zaho hozo: "Aha, Tompo; fa tsy mbo nisy raha tsy masy ndra maloto mihintsy nilitsy tambavako tato." ⁹Fa azy feo namaly baka an-danitsy any ndraiky hozo: "Zecnambaran-Janahary fa malio, ka kaihe hoe maloto." ¹⁰Niseho intelo zay, sady bakeo le nala nimpoly niakatsy tan-danitsy any ndraiky ty raha iaby"¹¹Ingo, teo no ho eo le nisy telo lahy nitsanga taloha ty tsano ze nisy anay eo; nalefa baka Kaisaria any nana amiko atoy ndrozy. ¹²Ty Fanahy ro nibeko ahy hiaraky amin-drozy, sady tsy tokony hanisy fanentea-tarehy amin-drozy zaho. Lahilahy eny rey ro nandeha niaraky tamiko, sady nandeha nana an-tsano azy lahilahy iny ao zay. ¹³Ie nivola taminay ty nahitany anjely raiky nitsanga tan-tsanony ao sady nivola hozo: "Manahira lahilahy Jopa any sady andeso mimpoly i Simona ze kaihe hoe Petera. ¹⁴Ie ro hivola hafatsy raiky aminao ze hovoasarombaky anao - iha noho ty lonfonao iaby."¹⁵Laha vo nanomboky nivola tamin-drozy zaho, ty Fanahy Masy ro niavy tamin-drozy, manahaky ty nijotsoany taminay tam-belohany any. ¹⁶Tiaroko ty safa ty Tompo, ty nivolanany hozo: "Jaoma nanao batisa tamy ty rano vatany; fa nareo ro mila hanovy batisa amy ty Fanahy Masy ao."¹⁷Kable laha Njanahary nanome androzy ty fanomezana mitovy amy ze nameany antsika tamy tsika nino ahy ty Tompo Jesosy Kristy, ia zaho, ro ho afaky hanohitsy an-Janahary?"¹⁸Lafa ren-drozy raha zay, tsy nivola ndra ino ndra ino handesy-mamaly ndrozy, fa nanompo an-Janahary koa ndrozy sady nivola hozo: "Sady Njanahary nanome fibebaha ho fiaina ho ahy Jentilisa vao koa rey."¹⁹Sady ze nampiparitaky noho ty fanenjeha ze nanomboky tamy ty fahafatesa i Stefana le niparitaky lavitsy ta Foinika any, Kyprosy, sady Antioka, fa ndrozy ro nivola ty hafatsy mikasiky an'i Jesosy tamy Jiosy rey raiky avao. ²⁰Fa ty ilany tamin-drozy, lahilahy baka Kyprosy noho Kyrena rey any, le nandeha ta Antioka any sady niresaky tamy Grika rey avao koa, nivola tami-ndrozy ty filazantsara mikasiky ty Tompo Jesosy. ²¹Ty tana ty Tompo ro niaraky tamin-drozy; lako hisaky ro nino sady nitoliky tamy ty Tompo. ²²Vaovao milasiky androzy rey ro avy tan-tsofy ty egilizy eny ta Jerosalema ao, sady ndrozy naniraky an'i Barnabasy zisiky Antioka any. ²³Lafa avy ie ka le nahita ty fanomezan-Janahary, le falifaly ie; sady ie nampahery azy iaby mba hipetsaky miaraky amy ty Tompo amy ty fon-drozy iaby. ²⁴Safe ie ro lahilahy soa sady atsiky ty Fanahy masy noho finoa, sady olo lako ro niampy ho ahy ty Tompo. ²⁵Le nandeha nana Tarsosy any i Barnabasy mba hila an'i Saoly. ²⁶Lafa hitany ie, le nandesiny ta Antioka any. Sady anay ty herintao manampatsy ndrozy le niaraky-nivory niaraky tamy ty egilizy sady nampianatsy olo lako. Mpianatsy rey ro nikaihe velohany hoe kristiana ta Antioka ao. ²⁷dy tamy andro zay le nisy olo to-resaky lako nijotso baka Jerosalema any nana Antioka any. ²⁸Raiky tamin-drozy, i Agabo ro nikaiky azy, nitsanga sady nitoro ty Fanahy fa hisy mosary bevata hiseho mameno tany iaby toy. Nitsanga zay tamy ty andro i Klaodio.²⁹Laha zay, mpianatsy rey, manahaky ty fahafaha ty Kirai-draiky iaby, le nanapaky hevitsy ty handefa fanampea ho ahy ty rahalahy ta Jodia any rey. ³⁰Nanao zay ndrozy; nndefa jala ho ahy ty olo-bey ndrozy rey tamy ty tana i Barnabasy noho Saoly.

Chapter 12

¹Sady tamy andro zay Heroda mpanjaka nanambotsy ilany ze ahy ty egilizy rey mba hafahany mampijaly androzy. ²Nivony tamy ty meso beva Jakoba rahalahy i Jaona. ³Sady lafa hitany fa nahafaly Jiosy rey zay, le nanao ze hisambora an'i Petera koa ie. Zay le anay ty andro ty mofo tsy masira. ⁴Lafa baka nisambory ie, le nanoviny tan-gadra any ie sady nanondro maramila fa-toko hiemby azy, naniry ty handay androzy amy ty olo afara ty Paska ie. ⁵Laha zay le nitandrahany tan-gadra ao Petera, fa ty vavaky ro nanovy ze tan-degilizy rey ao mahery vatany tamin-Janahary ho azy. ⁶Ty haliky aloha handay i Heroda azy hotsara, Petera ro niroro tanovo ty maramila roe eo, vofwhy tamy ty rojo roe, laha mbo nijano niemby ty gadra ty mpiemby taloha ty varavada eo. ⁷Ingo, nisy anjely ty Tompo niboaky tampoky tanilany eo, sady nisy hazava namiratsy tanay efitsy ao ty gadra. Namango an'i Petera tamy ilany eo ie sady namoha azy ka le nanao hozo: "Mitsangana hiala", sady rojony niala tamy ty tanany rey. ⁸Ty anjely nivola taminy hozo: "Ampisalory tyvatanao sady anvo ty kiraronao." Le nanovy i Petera manahaky zay. ⁹Le nanoriky azy anjely iny Petera sady niboaky. Tsy hainy fa ze nanovy ty anjely rey ro tena ie. Nimpoly ie fa nahita fahita. ¹⁰Lafa baka nandalo tamy ty mpiemby velohany eo noho faharoa ndrozy, le avy tamy ty vavahady vy eo ze manday mana amy ty tanà any; nivoha ho azy tamin-drozy zay. Nivoha ndrozy sady nijotso tamy ty lala raiky, sady azy anjely niala azy direkita. ¹¹Lafa nimpoly tamy ty vatany Petera, nivola ie hozo: "Amy zao le haiko marina fa ty Tompo ro nandefa ty anjelony sady nanafaky ahy tamy ty tana i Heroda, noho tamy ty raha iaby ze nandrasa ty Jiosy hiseho. ¹²Lafa nimpoly say tamy zay ie, le nana amy ty tsano i Maria reny i Jaona any, kaihy ka le hoe Marka, ze nisy olo nionga noho nivavaky. ¹³Lafa nandondo tam-bavahady ie, nisy mpanompo ampela raiky kaihy hoe Roda avy namaly. ¹⁴Lafa hainy ty feo i Petera, tamy ty hafalea le tsy nahavita namoha ty varavara ie; fa koa, nandeha nialy nana an-tsano any ie, nitateriny fa Petera nitsanga tam-bavahady eo. ¹⁵Le nivola taminy ndrozy hoe: "Adala iha." Fa nanizingizy ie fa zay ro ie. Nivola ndrozy hozo: "Ty anjeliny zay." ¹⁶Fa Petera nanohy nandondo, sady lafa nivohan-drozy ty varavara, le nahita azy Ndrozy sady tseriky. ¹⁷Petera nanetsiky ty tanany tamin-drozy mba hilamy, sadt nivolaniny tamin-drozy ty fomba nandaisa ty Tompo azy niboaky ty gadra. Hoy ie hozo: "Tatero amy i Jakoba noho rahalahy rey any raha zay. "Le niala ie sady nandeha tamy fy toera hafa any. ¹⁸Sady lafa nazava ty andro, le tsy nisy fientanam-po kelikely tamy maramila rey ty amy ze nitsanga tamy i Petera. ¹⁹Lafa baka nila azy Heroda sady tsy nahita azy, le nanontanontany ty mpiemby ie sady nibeko androzy mba hovanoe. Le nijotso baka Jodia anynana Kaisaria any ie sady nipetsaky any. ²⁰Sady Heroda ro neloky mahery tamy ty olo lako i Tyra noho Sidona . Niaraky-nana aminy any ndrozy. Nandresy lahatsy an'i Blasto ndrozy, azy mpanampy ty mpanjaka iny, mba hanampy androzy. Le nangataky filongoa ndrozy, safe ty tanàn-drozy le mandramby ty haniny baka amy ty mpbjaka ty tanà. ²¹Tamy ty andro voatondro Heroda le nampisalotsy ty vatany salotsy mpanjaka sady nipetsaky tamy ty seza fipetsaha; nikabary tamin-drozy. ²²Nikoraky ty olo lako: "Zay ro feo njanahary, fa tsy an'olo!" ²³Teo noho eo le nisy anjely ty Tompo namango azy; safe tsy nanome vononahitsy an-Janahary ie; nihany ty soko ie le maty. ²⁴Fa ty safan-Janahary nitombo noho nihalak. ²⁵Ka le lafa vota i Barnabasy noho Saoly ty iraky nampanovy androzy, le nimpoly baka any [Ty ilany amy dika soratsy hatsanainy rey mivola hozo: "Ndrozy nimpoly ta Jerosalema any] Jerosalema ndrozy, nanday an'i Jaona niaraky tamin-drozy ze nikaihe avao koa hoe Marka.

Chapter 13

¹Sady tamy ty egilizy ao ta Antioka ao, le nisy olo to-resaky noho mpampianatsy lako ao. Ndrozy ro Barnabasy, Simona (ze kaihy hoe Nigera), Lisiosa baka amy i Sirena, Manaena (azy rahalahy ze niolonono tamy i Heroda mpanjaka), sady Saoly. ²Laha mbo nanompo ty Tompo noho nifaly hany androzy, ty Fanahy Masy nivola hozo: "Atokany ho ahy Barnabasy noho i Saoly, mba hanao ty asa ze nikaihiko androzy." ³Tafara ty nifalian-drozy hany, noho nivavahany, sady nametsahan-drozy tanà tamy lahilahy rey, ndrozy ro nalefan-drozy. ⁴Ka le nanenky Fanahy Masy i Barnabasy noho i Saoly ka le nandeha nijotso nana Selosia any; baka eny ndrozy le niantsambo ho amy ty tany ty Sipra any. ⁵Lafa tamy azy tanà ty Salamina iny any ndrozy, le nanambara ty safan-Janahary tamy ty Synagoga i Jiosy rey ao ndrozy. Sady nana an'i Jaona Marka koa ndrozy mba ho mpanampy androzy. ⁶Sady lafa namakivaky ty tanà raiky iaby mana Pafosy any ndrozy, le nahita mpanao aoly, ze to-resaky Jiosy sandoky, sady ty anarany le Bara Jesosy. ⁷Mpanao aoly ze niaraky-niasa tamy governora rey, Serjio Paolosy, ze lahilahy Barnabasy noho i Saoly io, safe te hahare ty safan-Janahary ie. ⁸Fa Elimasy "mpanao aoly" (zay ro nandika ty anarany) nanohitsy androzy; sady niezaky ty hanodiky ty governora hiala amy ty finoia ie. ⁹Fa i Saoly, ze kaihy avao koa hoe Paoly, le atsiky ty Fanahy Masy, sady nandiniky azy soa. ¹⁰Sady nivola hozo: "Iha anaky ty Devoly e, iha le atsiky ty karazam-pitaky boho faharatia iaby. Fahavalo ze iaby marina iha. Tsy hijano ty hampiodaky ty lala-mahity ty Tompo mihintsy iha, sa tsy zay?" ¹¹Fa ingo amy zao, ty tana ty Tompo aminao eo, ka le hanjary jiky iha. Sady tsy hahita ty masoandro aloha iha." Teo no ho eo ro nilatsaky tamy i Elimasy ao ty fahandrava noho fanasazia; nanomboky niriorio sady nangataky tamy ty olo ie mba hitandraky azy amy ty tanà. ¹²Lafa baka nahita ze raha-niboaky ty governora, le ni o ie, safe tseriky tamy ty fampianara mikasiky ty tompo ie. ¹³Sady Paoly noho ty namany le nandeha niantsambo baka Pafosy nana amy ty Perga any Pafiliala any. Fa Jaona koa niala androzy sady nimpoly ta Jerosalema any. ¹⁴Paoly noho namany rey ro nandeha baka a-Perga any sady nana Antioka i Pisidia any. Sady tao ro nandeha nana amy ty synagoga any tamy ty andro ty Sabata ndrozy sady nipetsaky. ¹⁵Tafara ty famakia ty lalà noho ty to-resaky, le nandefa hafatsy tamin-drozy any ty mpitariky ty Synagoga nivola hozo: "Rahalahy e, laha mana hafatsy fampahereza ho ahy ty olo eo nareo, le volano zay." ¹⁶Ka le nitsanga Paoly sady nanao fihetsiky tamy ty tanany, nivola hozo: "Olon'Israely e sady nareo ze manome voninahitsy an-Janahary, tojiky. ¹⁷Ty Njanahary ty Olon'Israely le nitingy ty razantsika sady nampitombo hisaky ty olo lafa nipetsaky tamy ty tany ty Egipta ao, sady tamy ty fanondrota ty sandriny ro nitarihany androzy hiboaky ao. ¹⁸Sady anay ty efapolo tao tdo ho eo ro nandeforany androzy tan'efitsy any. (Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ro mivaky manahaky zao: "Anay ty efapolo tao eo ho eo le niahy androzy tan'efitsy any ie.") ¹⁹Sady lafa baka nandrava firenea fito tamy ty tany Kanana any ie, le nameany ty olo lakontsika ty tanin-drozy mba ho lova. ²⁰Raha-iaby niboaky zay le fa tamy ty faha dimampolo noho efajato tao. Tafara raha iaby zay, Njanahary nanome mpitsara androzy zisiky-iavia i Samoela to-resaky. ²¹Le nangataky mpanjaka ty oll bakeo, sady Njanahary nanome androzy an'i Saoly anakilahy i Kisa, lahilahy ze baka amy ty fokoa i Benjamina, mba ho mpanjaka anay ty efapolo tao. ²²Sady bakeo Njanahary nangalaky azy tamy ty fanjakany, ka le nanondrotsy anan'i Davida mba ho mpanjakan-drozy. Fa zay ro nivolanin-Janahary mikasiky an'i Davida hozo: "Fa nahita an'i Davida ana i Jesea zahi mba ho olo ty fokoa, ze hanao ze iaby teako hanoviny. ²³Fa baka amy ty tariha lahilahy io ro handaisan-Janahary mpanarombaky ho an'Israely, le i Jesosy, mnahaky ze fa nampanantenany hanovy. ²⁴Nanomboky niboaky zay, taloha ty niavia i Jesosy, Jaona nanambara velohany tamy ty olo lakon'Israely iaby mikasiky ty batisa ty fibebaha. ²⁵Safe Jaona fa nahavita ty ilany, le hoy ie: "Ia ro hieritseritsy ahy? Tsy zaho ie. Fa janjino, hisy raiky ho avy afarako, sady ty kiraro ty tomboky ro tsy haeva ahy ty hamaha azy. ²⁶Rahalahy e, anaky baka amy ty tariha i Abrahama, sady ze manompo an-Janahary iaby aminareo eo, ho antsika ro nandefasa hafatsy mikasiky ty famonjea zay. ²⁷Fa ze mipetsaky a-Jerosalema any, noho ty mpandaian-drozy, le tsy nahay azy, ka le tanterakin-drozy ty voalaza ty olo to-resaky ze vaky isaky ty meso bevata ty amy ty fanasazia azy. ²⁸Ndra le tsy mahita antony soa hamonoa azy aza nodrozy, le nangataky tamy i Pilaty avao mba hamono azy. ²⁹Lafa tanterakin-drozy ty raha iaby ze voasoratsy mikasiky azy, le najotson-drozy tamy ty hazo eny le sady nampirorony tan-dolo ao. ³⁰Fa Njanahary koa nampitsanga azy tamy maty. ³¹Sady hita ze niaraky-niakatsy taminy rey baka Galilia any mana Jerosalema any ie tanay ty andro lako. Sady amy zao le olo rey ro vavolombelony ho ahy ty olo. ³²Laha zay zahay nivola aminareo ty filazantsara ze nampamantenan-Janahary tamy ty babantsika ze fa tanterahany ho antsika, ³³anakin-drozy, tamy ty nampitsangany an'i Jesosy. Manahaky ze fa voasoratsy amy ty salamo faharoe ao hozo: 'Anako iha, henanikio le ho lasa Babanao zaho.' ³⁴Ty antony nampitsanga azy tamy maty le ty mba tsy hahasimba zisiky farany ty vatany, Njanahary nivola manahaky zao: 'Hameako anareo ty fitahia masy noho azo antoky nampanantena an'i Davida. ³⁵Zay koa ro nahavy azy nivola tamy ty salamo hafa ao hozo: "Tsy hanenga azy Masy iny hahita ty lo iha." ³⁶Safe lafa nanantanteraky fanirian-Janahary rey ho ahy ty tarihany i Davida le azon-droro

ie, ka le nampiroroe niaraky tamy babany rey ie sady ty vatany niazo ty fahavalo. ³⁷Fa ie ze natsangan-Janahary le tsy niazo ty faharava. ³⁸Ka le engao ho hainareo zay, rahalahy, fa tamy ty alala lahilahy io ro nanambara taminareo ty fanenga ty fahota. ³⁹Amy ty alalany ty olo kirai-draiky ze mino le voamarina amy ty raha iaby ze mety tsy ho voamarina lalà i Mosesy io. ⁴⁰Ka le miembena mba tsy hiseho aminareo ze raha nivolany ty olo to-resaky hozao: ⁴¹"Ingo, nareo mpao tsinotxino, le ho tseriky sady ho rava. Fa Zaho manao asa amy ty andronareo, Asa ze tsy ninoanareo mihintsy, ndra le misy olo manambara zay aminareo aza." ⁴²Lafa nandeha i Barnabasy noho i Paoly, le nangataky androzy ty olo mba hanambaran-drozy safa avao amy ty Sabata manaraky rey. ⁴³Lafa tampitsy ty fivoriana tamy ty Synagoga ao, le lako tamy Jiosy rey noho proselita rey mafatsa-po ro nanoriky an'i Paoly noho Barnabasy, ze niresaky tamin-drozy noho nandrisiky azy mba hanohy amy ty fahasoavan-Janahary ao. ⁴⁴Tamy ty Sabata manaraky, le saiky ty tanà iaby ro niaraky nivory mba hahare ty safa ty Tompo. ⁴⁵Lafa nahita olo lako rey ty Jioay, le atsiky fialona ndrozy sady nivola nanohitsy raha ze nivolany i Paoly noho nikisaky azy rey. ⁴⁶Fa Paoly noho Barnabasy nivola am-pahasakia sady nivola hozao: "Ila ho voalaza aminareo aloha ty safan-Janahary. Fa lafa manosiky zay nareo sady midiniky ty vatanareo ho tsy haeva ty fiaina zisiky farany, le ingo, himpoly amy ty Jentilisa any zahay. ⁴⁷Manahaky ze fa nibekoa ty Tompo anay, manao hozao: "Napetsako mba ho fahazava ty Jentilisa nareo, zay ro tokony handaisanareo famonjea ho an'i ze amy ty fara-vazan-tany rey any." ⁴⁸Lafa nahare zay ty Jentilisa, le faly noho nanompo ty safy ty Tompo. Sady lako ze voatondro ho amy ty finoa ty fiaina zisiky farany rey ro nino. ⁴⁹Sady ty safa ty Tompo ro niparitaky mameno ty faritsy iaby. ⁵⁰Fa ty Jiosy koa ro nandrisiky ampela mahafatsa-po noho manan-danja, noho lahilahy mpitariky tan-tanà ao rey. Niteraky fialona ho an'i Paoly noho Barnabasy zay sady nanoraky androzy ho ambaliky ty sisin-tany ty tanà any. ⁵¹Fa Paoly noho Barnabasy nanintsa ty lemboky tamy ty tombon-drozy mba hanohera androzy. Sady bakeo ndrozy le nana amy ty tanà i Ikoniama any. ⁵²Sady ty mpianatsy ro atsiky hafalea noho Fanahy Masy.

Chapter 14

¹Sady tamy zay ta Ikoniom ao Paoly noho Barnabasy niaraky-nilitsy tamy ty Synagoga ty Jiosy ka le niresaky tam-pihetseketsefa sady ty olo lako lako mare Jiosy noho Grika le nino. ²Fa ty Jiosy ze tsy nanenky koa le nanakoronta ty fisia ty Jentilisa ka le nahavy androzy hanohitsy rahalahy rey. ³Ka le nipetsaky ela teo ndrozy, nivola am-pahasakia niaraky tamy ty hery ty Tompo, tamy ty nanomezany porofo mikasiky ty hafatsy ty amy ty fahasoavany. Ie nanao zay tamy ty alala ty fahaiza noho hatsereha ze nanovy tamy ty alala ty tana i Paoly noho Barnabasy. ⁴Fe ty halakoa ty tanà le nizarazara: ty olo ilany niaritsy jiaraky tamy Jiosy rey, sady tg ilany niaraky tamy Paoly rey. ⁵Lafa nanondrotsy nandresy lahatsy ty mpitariky androzy th Jentilisa noho ty Jiosy mba hamono noho hitora-bato an'i Paoly noho Barnabasy, ⁶le nanjary nivony ndrozy sady nilay malaky tan-tanà ty Lykaonia ao, Lystra noho Derbe, sady tanà miodidy ty faritsy rey, ⁷ka le tany ndrozy ro nanambara ty filazantsara. ⁸Nisy lahilahy raiky nipetsaky ta Lystra ao, malemy ty tombokiny, zisiky an-tsarotsondreniny any, ze fa tsy nandeha zisiky amy zay. ⁹Lahilahy io nahare an'i Paoly nivola. Paoly nanatsiky azy soa tamy ty masonry ao ka le nahita fa mana finoa ty ho afaky ie. ¹⁰Ka le nivola taminy ie tamy ty feo mahery hozo: "Mitsangana amy ty tombokinao." Laha bakeo azy lahilahy iny ro nitsamboko sady nandeha tamy ty miodidy eo. ¹¹Lafa nahita ze nanovy i Paoly olo lako mare biby rey le nanondrotsy ty feony ndrozy, nivola tamy ty fivolana ty Lykonina hozo: "Nijotso baka andanitsy any ho amintsika amy ty endrik'olo njanahary rey." ¹²Nikaiky an'i Barabasy ndrozy hozo "Jopitera", sady Paoly "Mer_kory", safe ie ro mpandahantsy-safa. ¹³Ty mpisoro i Jopitera, ze ty egilizy ro tambaliky ty tanà eo, le nanday aomby noho foloara vy tam-bavahady eo; ie noho ty olo lako mare biby naniry hanome soro. ¹⁴Fa ty apostoly, Barnabasy noho Paoly, lafa nahare zay le nanataky ty fisikinany ndrozy ka le nandeha hiala ho anay ty olo lako rey ao, nitoreo noho nivola hozo: ¹⁵"Lahilahy e, nanino nareo ro manao raha zao? Zahay avao koa ro olombelo mitovy fahatsapa aminareo avao. Zahay manday ty filazantsara ho ahy nareo, mba hitolihanareo hiala amy raha-tsy misy zao ho amin-Janahary velo any, ze nanao lanitsy, ty tany sady ty riaky noho ty raha-iaby ze aminy ao." ¹⁶Tamy ty andro taloha, le ro nanenga ty firenea iaby nandeha tamy ty lalany manoka iaby. ¹⁷Nakefa, Ie ro tsy nanenga ty vatany tsy hisy vavolombelo, tamy zay le nanao ty soa Ie sady nanome anareo ranon'ora baka an-danitsy any noho vanim-potoa mahavokatsy, ka le hanatsiky ty fonareo amy ty hany noho fifalefalea," ¹⁸Fa ndra tamy safa zay aza, Paoly noho Barnabasy ro tsy nijano ty olo lako pako mare tsy hanao soro ho androzy. ¹⁹Fa ty Jiosy ilany baka Antiokia ao noho Ikonioma ro avy sady nandresy lahatsy ty olo lako. Ndrozy nitoraky-vato an'i Paoly noho nitariky azy hiboaky ty tanà, sady nieritseritsy fa maty ie. ²⁰Sady laha mbo nitsanga ie sady nilitsy ty tanà. Lafa maray iny, le nandeha nana Derbe any niaraky tamy i Barnabasy ie. ²¹Bakeo ndrozy nanambara ty filazantsara tamy tanà zay ao ka le nahazo mpianatsy lako, nimpoly ta Lystra ao ndrozy, ta Ikonioma any, noho ta Antiokia any. ²²Ndrozy ro nanohy nampahery ty fanahy mpianatsy rey sady nandrisiky azy mba hanohy amy ty finoa ao, ro sady nivola fa: "Tsy maintsy amy ty fijalea lako mare ao ro hilirantsika amy ty fanjakan-Janahary ao." ²³Lafa nanondro olo-bey ho androzy tamy ty hisan-degilizy eo ndrozy, noho nivavaky tamy ty fifalian-kany, le namean-drozy ho ahy ty Tompl zay, ze ninoan-drozy. ²⁴Le nandalo tamy ty Pisidia ndrozy ka le avy ta Panfilia ao. ²⁵Lafa nanambara ty safa ta Perga ao ndrozy, le nandeha nijotso ta Atalia any. ²⁶Baka any ndrozy ro niatsambo nijotso ho Antiokia any, ze nahazoan-drozy ty fahasoavan-Janahary ho ahy ty asa ze vitan-drozy amy zao. ²⁷Lafa niavy ta Antioka ao ndrozy sady namory niaraky ty egilizy, le nanesy ty raha iaby ze vitan-Janahary tamin-drozy, noho hoe ino ro nampiboahany varavara ty finoa ho ahy ty Jentilisa rey. ²⁸Le nijano fotoa ela niaraky tamy mpianatsy rey ndrozy

Chapter 15

¹Ty olo ilany ro nijotso baka Jodia any zisiky Antiokia any sady nampianatsy ty rahalahiny rey, ka le nivola hozao: "Laha tsy vita fanavara manahaky ty fomba fanovy i Mosesy nareo, le tsy ho voasarombaky nareo." ²Zay ro nanday an'i Paoly noho Barnabasy tanay fifamalea ao noho aly hehevitsy tamin-drozy. Laha zay i Paoly noho i Barnabasy le voatondro niaraky tamy ty ilany hafa tamin-drozy hiakatsy a-Jerosalema any mba hitojiky amy apostoly rey noho olo-bey rey mikasiky fanontanea zay.³Laha zay androzy, nalefa ty egilizy, le namakivaky an'i Foinika noho Samaria sady nambara ty fiovam-po Jentilisa rey. Ndrozy ro nanday hafalea bevata tamy rahalahy iaby rey. ⁴Lafa avy ta Jerosalema ao ndrozy, le nirambesy ty egilizy noho apostoly rey sady olo-bey rey, ka le nanesy raha iaby ze nanovin-Janahary tamin-drozy rey.⁵Nefa ty olo ilany ze nino, ze tamy ty tariky Fariseo rey ao, le nitsanga noho nivola hozao: "Ila ty manao ty famorona androzy noho ty mibeko androzy hiemby ty lalà i Mosesy." ⁶Laha zay apostoly rey noho olo-bey rey ro niaraky-nivory mba handiniky raha-misy zay.⁷Tafara ty aly hevitsy bey, nitsanga i Petera ka le nivola tamin-drozy hozao: "Rahalahy, hainareo fa taloha ela mare Njanahary ro nanao fitingina taminareo eo, mba ho amy ty alala ty vavako le tokony hahare ty safa ty filazantsara Jentilisa rey, sady hino." ⁸Njanahary, ze mahay ty fo, vavolombelo amin-drozy, nanome ty Fanahy Masy ndrozy, manahaky ty nanoviny tamintsika; ⁹sady tsy nanao fanavakavaha tamintsika noho tamin-drozy Ie, nanalio ty fon-drozy tamy ty finoa.¹⁰Sady laha zay nanino nareo ro mitsapa an-Janahary, hoe tokony hametsahanareo zioga amy ty vozo mpianatsybrey nefa ndra ty razantsika ndra tsika aza tsy mahavita mitako? ¹¹Nefa mino tsika fa ho voasarombaky amy ty alala ty fahasoava i Tompo Jesosy Kristy, manahaky androzy avao koa.¹²Ty olo iaby ro nitandraky ty tsy fivolana tanay ty nijanjinan-drozy an'i Barnabasy noho Paoly manesy fahaiza rey noho hatsereha niasan-Janahary ze niasa tamy Jentilisa rey tamy ty alalan-drozy.¹³Lafa baka nijano niresaky ndrozy, le namaly Jakoba, nivola hozao: "Rahalahy, janjino zaho." ¹⁴I Simeona ro fa nanambara ty fomba nanampean-Janahary tam-pahasoava velohany Jentilisa rey mba hangalaky amin-drozy olo rey ho ahy ty anarany.¹⁵Safa ty olo to-resaky rey ro mikasiky zay, manahaky ty voasoratsy hozao: ¹⁶"Afara raha rey ro himpoly zaho, sady hampitsanga bdraiky ty tsano lay i Davida zaho, ze fa nilavo; Hanamboatsy noho hampimpoly amy ty velohany ndraiky faharavany rey zaho, ¹⁷mba hila ty Tompo olo sisa tavela rey, anay zay ao Jentilisa iaby ze nikaihe amy ty anarako rey." ¹⁸Zao ro nivolany ty Tompo, ze fa nanao raha rey ze fa hay tamy razambey fa ela rey. (Fanamariha: Dikan-tsafa ilany taloha rey ro mivaky manahaky zao: "Zao ro nivolany ty Tompo, amy ze hay tamy ty andro fa ela rey ty ilny iaby.)¹⁹Laha zay, ty diniko le, tsy tokony hanakoronta baka amy ty Jentilisa ze nitoliky tamin-Janahary tsika rey. ²⁰Fa tsika ro hanoratsy ho androzy fa tsy maintsy miala amy ty fahalotoa sampy rey ndrozy, amy ty fativativa, sady amy ty hena biby voafeo rey, noho amy ty lio ndrozy. ²¹Safe Mosesy ro fa voambara tamy ty hisan-tanà tamy ty andro fa ela sady ie ro vaky amy synagoga rey ao isaky ty Sabata."²²Le hoy soa tamy apostoly rey noho olo-bey rey, niaraky tamy ty egilizy iaby, ty hitingy an'i Joda ze kaihy hoe Barnabasy, noho i Lilasy, ze mpitariky ty egilizy, noho i Silasy, ze mpitariky ty egilizy, noho ty hanfefa androzy Antokia any miaraky amy i Paoly noho Barnabasy. ²³Ndrozy ro nanoratsy toy: "Zisiky amy apostoly rey noho olo-bey rey any, rahalahinareo rey, zisiky amy ty rahalahy baka Jentily rey any Antiokia any, Siria, sady Kilikia: Arahaba!"²⁴Tsika le fa nahare fa olo ilany rey ro niala tamintsika rey, tsy nisy beko baka amintsika, sady nanelingelina anareo tamy fampianara ze nampikoronta ty fanahinareo. ²⁵Zao ro ie, zahay iaby le fa nanenky ty hitingy lahilahy rey noho handeca androzy aminareo any miaraky amy i Barnabasy noho Paoly malalanay, ²⁶lahilahy ze nanao ty ainy tsy ho raha ho ahy ty anara i Jesosy Kristy Tompontosika.²⁷Laha zay zahay le maniraky an'i Joda noho i Silasy, ze hivola aminareo raha io avao amy ty safan-drozy manoka. ²⁸Fa hoy raha soa amy ty Fanahy Masy noho aminay, ty tsy hampanday anareo enta bevata noho raha tena ila rey: ²⁹mba hialanareo amy raha nanovinareo ho fanomeza amy sampy rey, lio, raha voafeo rey, sady baka amy ty fahativativa. Laha miemby ty vatanareo amy zay nareo, le ho soa aminareo zay. Veloma."³⁰Laha zay ndrozy, lafa voaroaky, le nijotso ta Antiokia any; bakeo ndrozy le namory ty olo lako niaraky, sady nanome azy taratasy iny ndrozy. ³¹Lafa voavakin-drozy zay, le nifaly ndrozy noho ty fampahereza. ³²Joda noho i Silasy, to-resaky avao koa, le nampahery rahalahy rey tamy ty safa lako noho nampahery androzy.³³Lafa vaka nijano fotoa kelikely tao ndrozy, le nalefa am-piadana baka amy rahalahy rey ho amy ze nandefa androzy any ndrozy. ³⁴[Fanamariha: Ty dikan-tsafa hatsanainy bibike le mangalaky ty andininy faha34 (Henteo ty Asa 15: 40): "Nefa mbo satsy i Silasy ty hijano eo."]³⁵Fa i Paoly noho Barnabasy le nijano ta Antiokia any niaraky tamy lako hafa rey, ze nampianaran-drozy noho nambaran-drozy ty safa ty Tompo.³⁶Tafara ty andro tampany Paoly le nivola tamy i Barnabasy hozao: "Andao tsika himpoly amy zao sady hamangy rahalahy rey amy ty tanà iaby any ze nambarantsika ty safa ty Tompo, sady hahita hoe manao ino ndrozy."³⁷I Barnabasy ro te handay avao koa an'i Jaona ze nikaihe hoe Marka hiaraky amin-drozy. ³⁸Nefa i Paoly nihevitsy fa tsy soa ty handay an'i Marka, ze niala androzy ta Panfilia any noho tsy nanohy niaraky-niasa tamin-drozy niasa.³⁹Bakeo le

nisy fifamalea mare, ka le nisaraky ndrozy, sady i Barnabasy nanday an'i Marka niaraky taminy sady nandeha sambo nana Sipra any. ⁴⁰Fa i Paoly nitingy an'i Silasy sady nandeha, tafara ty nanomeza rahalahy rey azy andraikitsy ho ahy ty fahasoava ty Tompo. ⁴¹Bakeo ie le nandeha namakivaky an'i Syria noho i Kilikia, ka le nampatanjaky egilizy rey.

Chapter 16

¹Niavy ta Derbe noho Lystra any avao koa Paoly, sady ingo, teo azy mpianatsy raiky nikaihe hoe Timoty iny, anakulahy ty ampela Jiosy ze nino; Grika ty babany. ²Ie ro soa vola tamy rahalahiny ze ta Lystra any rey iny sady Ikonioma. ³Tea i Paoly hiaraky-li aminy ie; le nalany ie sady nioforany noho Jiosy ze tamy ty toera eo rey, safe hay ie iaby fa Grika ty babany. ⁴Laha nandeha namakivaky tanà lako rey ndrozy, le nanome toromariky ho ahy mpino rey mba hanenky ty fampianara, ze nisoraty ty Apostoly noho ty olo-bey ta Jerosalema ao. ⁵Ka niha-natanjaky tamy ty finoa ty egilizy sady nitombo hisaky isan'andro. ⁶Nandeha namakivaky ty faritsy ty Frygia noho Galatia Paoly noho ty namany, safe nirara ty Fanahy Masy ndrozy hanambara ty safa amy ty faritsy i Asia any. ⁷Lafa nilitsy nanariny an'i Mysia, le te-handeha ho a-Bitynia any ndrozy. nefa nisakana ty Fanahy i Jesosy ndrozy. ⁸Ka le nandalo tamy i Mysia, le nandeha nijotso tamy ty tanà any an'i Troasy ndrozy. ⁹Nahita fahita i Paoly tamy ty haly: lahilahy raiky Makedoniana nitsanga teo, nikaiky azy sady nivola hozao: "Bakeo a-Makedonia atoy sady vonjeo zahay." ¹⁰Lafa baka nahita ty fahita i Paoly, le niala hahazo an'i Makedonia direkita zahay, nahatsapa fa Njanahary ro nikaiky anay mba hitory ty filazantsara amy ndrozy. ¹¹Niantsamba laha zay baka a-Troasy any, le nandeha mahity ho a-Samatrakia any zahay, sady nahazo an'i Neapolia zahay lafa avy ty andro manaraky. ¹²Bakeo le nandeha nana Filipy any zahay, ze hisa ty tanà Makedonia, ze tanà manan-danja bibiky amy ty faritsy ao noho ty ana-tany Romanina, sady nijano tamy tanà zay anay ty andro lako zahay. ¹³Tamy ty andro ty Sabata le nandeha tambaliky ty vavahady mariny renirano any zahay, ze nieretseretiny fa misy toeram-pivavaha. Nipetsaky zahay sady niresaky tamy ampela ze niaraky-avy teo rey. ¹⁴Nisy ampela raiky atao hoe Lydia, mpivaron-tsiky voloparasy baka amy ty tanà any i Tyatira, ze nanompo an-Janahary, nijanjy anay. Namoha ty fony ty Tompo hiemby ty safa nivolany i Paoly. ¹⁵Lafa vita batisa ie noho ty longony, le nandrisiky anay ie, nivola hozao: "Laha nitsara ahy ho mahatoky amy ty Tompo nareo, le milira sady mipetsaky an-tsano ao." Sady nandresy lahatsy anay ie. ¹⁶Sady tamy zay, laha nandeha nana amy ty toeram-pivavaha any zahay, le nisy somondrara raiky ze mana fanahy ty sikily nifanojiky taminay. Nanday tombony lako ho ahy ty tompony tamy ty alala ty sikily ie. ¹⁷Nanoriky anay noho Paoly baka afara ao ampela io sady nikaiky mare, nanao hozao: "Lahilahy rey ro mpiasan-Janahary Abo Bibiky. Manambara aminareo ty lalam-pamonjea ndrozy." ¹⁸Nanao zay anay ty andro lako ie. Fa i Paoly le nanomboky sosotsy taminy ka le nitoliky sady nivola tamy ty fanahy hozao: "Mibeko anao amy ty anara i Jesosy Kristy zaho mba hiboaky aminy ao." Sady niboaky direkita zay. ¹⁹Lafa hita tompony rey fa lasa azy fanantena iny ty amy ty tombony ho androzy, le nisamborin-drozy i Paoly noho Silasy sady nitarihiny ndrozy ho tam-bazary any taloha manm-pahefa rey eo. ²⁰Lafa nanday androzy taloha mpitsara rey eo ndrozy, le nivola hozao: "Manakoronta ty tanàntsika lahilahy reto. Jiosy ndrozy. ²¹Manambara fomba ze tsy ara-dalà ho ahy ty Romanina ty manenky ndra mampihatsy azy ndrozy." ²²Le nitsanga ty olo lako nanohitsy an'i Paoly noho Silasy; nangalaky ty sikin-drozy ty mpitsara sady nibeko androzy mba ho vangoe amy ty hazo. ²³Lafa nivangoe mare ndrozy rey, le nalefan-drozy an-tsanomaiky any sady nibeko ty mpiemby tsanomaiky mba hiemby mare androzy. ²⁴Lafa naharamby lily zay ty mpiemby, le nalefany tamy ty farany laliky bibiky amy ty fonja any ndrozy sady nifeheziny tamy ty hazo eo ty tompon-drozy. ²⁵Nidididy ty misasak'aly le nivavaky i Paoly noho Silasy sady nihira fanompoa an-Janahary, sady gadra hafa rey le nijanjy androzy. ²⁶Tampoky eo le nisy horohorontany bevata, ka le nampihozongozo ty fitotsy ty fonja; sady nivoha direkita ty varavada iaby, sady nivaha ty fehy ty olo iaby. ²⁷Taitsy tamy ty roro ty mpiemby ty tsanomaiky sady nahita varavara ty fonja nivoha rey; nampiboaky ty sabany ie ka le saiky hamono ty vatany, safe nieretseretiny fa nilay gadra rey. ²⁸Fa nikaiky tamy ty feo mare Paoly, nanao hozao: "Ka mandratsy ty vatanao, safe ato iaby zahay iaby." ²⁹Nampikaiky jiro azy mpiemby tsanomaiky iny sady nilitsy malaky tanainy ao, velo-holitsy noho ty tahotsy, nihohoky taloha i Paoly eo noho Silasy, ³⁰sady naday androzy niboaky noho nivola hozao: "Tompoko, ino ro tsy maintsy hanoviko mba ho voasarombaky?" ³¹Hoy ndrozy hozao: "Minoa an'i Tompo Jesosy, le ho voasarombaky iha, iha noho ty longonao." ³²Nitory ty safa ty Tompo taminy ndrozy, niaraky tamy ty olo iaby tan-tsanony ao. ³³Bakeo le nandramby androzy tamy ty haly tamy lera iny avao azy mpiemby fonja iny, sady nanasa ty ferin-drozy, sady ie noho iaby tamy ty tsanony raiky iaby rey ao le nanovy batisa teo ho eo. ³⁴Bakeo le nandesiny niakatsy tan-tsanony ao i Paoly noho Silasy sady nandroso hany talohan-drozy eo ie, le nifaly vatany ie niaraky tamy ze tan-tsanony rey ao, fa nino an-Janahary ie. ³⁵Sady lafa maray ty andro, le nandefa safa tamy mpiemby rey mpitsara rey, nivola hozao: "Engao handeha lahilahy rey." ³⁶Nanesy safa zay tamy i Paoly eny azy mpiemby iny, nivola hozao: "Nampanday safa tamiko mpitsara rey mba hanenga anareo handeha: laha zay amy zao miboaha, sady mandehana am-piadiana." ³⁷Fa nivola tamin-drozy Paoly hozao: "Namango anay ampahibemaso tsy nisy fitsara ndrozy, ndra le mizàka ty zom-pirenea Romanina aza zahay_ sady nalefan-drozy tam-pigadra ao. Amy zao le tean-drozy halefa an-tsokosoko va zahay? Aha! Engao ty vatan-drozy ro hoavy eto noho hitariky anay hiboaky." ³⁸Nanatitsy safa zay tamy ty mpitsara eny ty mpiemby, sady laha vo nahare ndrozy

fa romanina i Paoly noho Silasy, le natahotsy rozy. ³⁹Avy noho nialatsiny tamin-drozy ty mpitsara sady nanday androzy nihoaky, nangataky androzy mba hiala an-tanà ao. ⁴⁰Ka le niala tan-tsanomaiky ao i Paoly noho Silasy sady nana an-tsano i Lydia ao. Lafa nahita rahalahy i Paoly noho Silasy rey, le nampaharey androzy sady bakeo le niala tan-tanà ao androzy.

Chapter 17

¹Sady lafa mandalo tanà ty Anfipolia nohobApolonia ndrozy, le niavy tamy ty tanà i Tesalonika ao ndrozy, ze nisy Synagoga ty Jiosy. ²Paoly, manahaky ty fomba fanoviny ro nana amin-drozy eo, sady nialy hevitsy niaraky tamin-drozy baka amy ty Soratsy Masy ao anay ty andro Sabata telo. ³Nivohany ty Sarotsy Masy sady nihazavany fa nila i Kristy ty nijaly noho hitsanga ndraiky amy ty maty. Hiy ie hozo: "Jesosy ze ambarako aminareo io ro Kristy." Resy lahatsy ty iliany tamy Jiosy rey sady nanoriky an'i Paoly noho Silasy, anay zay mpivavaky Grika lako hisaky rey, sady tsy ampy ty mpela mpitariky. ⁵v 5 Fa Jiosy rey tsy mpino nandesy-fialona le nangalaky olo raty fanahy rey am-bazary any, namory niaraky ty olo lako, sady nampikorakoraky ty tanà. Nanafiky ty tsano i Jasona, te handay an'i Paoly noho Silasy hiala ty olo lako ndrozy. ⁶Fa lafa tsy hitany ndrozy, le nitarihin-drozy i Jasona noho ty rahalahy hafa ilany ho aloha ty manampahefa ty tanà eo, nitany, "Lahilahy ze nampifanakalo ty tany iaby zao reto ro niavy eto avao koa. ⁷Lahilahy ze nampandroso an'i Jasona reto ro manohitsy ty lily i Kaisara; mivola ndrozy fa misy mpanjaka hafa-le i Jesosy." ⁸Voaozongozo ty olo lako noho ty manam-pahefa tamy ty tanà eo lafa nahare raha zay. ⁹Fa lafa bakeo ty manam-pahwfa nampanao noho nampandoa jala an'i Jasona noho ty ambiny mba ho antoky, bakeo ndrozy nanenga androzy handeha ndrozy. ¹⁰Nalefa rahalahy rey ta Baria any lafa haly iny i Paoly noho Silasy. Lafa avy tany ndrozy, le nilitsy tamy ty synagoga ty Jiosy ao. ¹¹Sady olo rey le mihaja vatany noho Tesalonika any rey, fa nandramby ty safa tam-pahavonona ty say iaby ndrozy, nandiniky ty Soratsy Masy isan'andro mba hahita laha tena zay vatany raha reny. ¹²Laha zay le lako tamin-drozy ro nino, tanay zay ty ampela Grika manan-kaja ilany noho lahilahy lako. ¹³Fa Jiosy ty Tesalonika rey lafa nahare fa i Paoly ro nanambara ty safan-Janahary ta Beria ao avao koa, le nandeha eny ndrozy sady nampikorakoraky noho nampikoronta olo lako rey. ¹⁴Sady direkita, rahalahy nandefa an'i Paoly rey ho an-driaky any, fa i Silasy noho i Timoty nijano teo. ¹⁵Ze nitariaky an'i Paoly nanday azy zisiky amy ty tanà i Atena any rey. Laha nanenga an'i Paoly teo ndrozy, le nandramby torolalà baka aminy ho ahy ty Silasy noho Timoty mba hana aminy any malaky manahaky ze azo anovy. ¹⁶Sady laha nandiny androzy ta Atena eny i Paoly, le nanjary neloky tanainy ao ty fanahiny laha vo nahita ty tanà atsiky sampy. ¹⁷Ka nialy hevitsy tamy ty synagoga ao niaraky tamy Jiosy noho hafa ze nanompo an-Janahary rey ie, manahaky zay koa ty tany ty toera ty raharaham-barotsy ao niaraky tamy ze teo. ¹⁸Fa ty ilany tamy filozofa Epikoreana rey noho Stoika avao koa nitojiky taminy. Ty ilany nivola hozo: "Ino ro tea bey safa tia ho volany: "Ty hafa nivola hozo: "Manahaky ty ohatsy azy raiky ze mikaiky ty olo hanoky najanahary hafahafa rey iny ie," safe nitory an'i Jesosy noho ty fitsangana amy maty ie. ¹⁹Nangalaky an'i Paoly ndrozy sady nanday azy tany ty Areopago any, nivola hozo: "Afaky mahay fampianara vaovao ze nivolaninao zay va zahay? ²⁰Fa manday raha hafahafa tsy firé ty sofinay iha. Laha zay, te hahay ty dika raha zay zahay." ²¹(Sady ty Atenina iaby noho ty vahiny nipetssy ro nandany ty fotoany tamy ty tsy nisy fa avao koa tamy ty filaza ndra fijanjina mikasiky ty raha-vaovao.) ²²Ka nitsanga tanivo ty Areopago eo i Paoly sady nivola hozo: "Nareo lahilahy i Ateniana, hitako fa tena relijiozy amy ty fomba iaby nareo. ²³Fa laha niala zaho sady nandiniky ty tanjo ty fombz fanompoam-pivavahanareo, le nahita alitara zaho misy soratsy toy hozo: "Ho an-Janahary Tsy Hay. "Ino laha zay ro hivavahanareo amy ty tsy fahaiza ao, ro volaniko aminareo. ²⁴Ty Njanahary ze nanao ty tany iaby zao noho ty raha-iaby aminy ao, safe Tompo ty lanitsy noho ty tany Ie, tsy mipetsaky anay egilizy vita namboary tamy ty tana ao. ²⁵Ndra ie tsy nitompoe tamy ty tanan'olo, manahaky ty nila raha ie, safe ie vatany ro manome fiaina ty olo noho ty imbon'ay sady ty raha hafa iaby. ²⁶Baka amy ty olo raiky ro nananovany ty firenea iaby ho ahy ty olo mba hiay anabo ty tany eo, nanoritsy ty vanim-potoan-drozy noho nanondro ty toera-pipetsaha sady ty andro iaina rey, ²⁷ka le mba tokony hila an-Janahary ndrozy, laha hohatsy ka mety hahatsatsy noho hahita Azy ndrozy. Hefa mbo tsy lavitsy antsika kirai-draiky iaby Ie. ²⁸Sqfe tsika ro mivelon noho mihetsiky sady mana ty maha-ie antsika, manahaky ty nivolana ty raiky amy ty mpanao tononkalonareo manoka hozo: "Favtarihany avao koa tsika." ²⁹Laha zay, safe anakin-Janahary tsika, tsika ro tsy tokony hieritseritsy fa ty hadoa ty fombany ro mitovy amy ty volamena, ndra volafoty, ndra sary-vonga ze niforony baka amy ty asa tanà noho aingam-panahin'olombelo. ³⁰Laha zay, le nihalinon-Janahary ty fotoa ty tsy fahaiza, fa amy zao mibeko ty olo iaby iaby eny mba hibebaky ie. ³¹Zay ro ie safe nampipetsaky andro ie hoe ombia ro hitsara ty tany iaby toy amy ty fahamarina amy ty alala ty olo ze nitinginy. Nanome porofo lahilahy io tany ty olo kirai-draiky tany ty alala ty fampitsangana azy tany maty Njanahary. ³²Sady lafa nahare ty fitsangana amy ty maty ty olo i Atena, le nikizaky an'i Paoly ty ilany; fa th ilany nivola hozo: "Hijanjan'anao ndraiky mikasimy raha zay zahay." ³³Tafara ze, niala androzy i Paoly. ³⁴Fa ty ilany tamy ty olo nanoriky azy sady nino, tanay zay ao i Dionysio Aeropagita, ampela kaihy hoe Damary, sady ty ilany niaraky tamin-drozy.

Chapter 18

¹Sady tafara raha rey Paoly le niala ta Atena ao sady nana Korinto any. ²Nitojiky tamy Jiosy nikaiky hoe Akoila tao ie, Tera-tany Ponto, ze vo avy baka Italia any niaraky tamy i Prisila valiny, safe i Klaudio nibeko ty Jiosy iaby hiala ta Roma ao. Paoly nana amin-drozy eo, ³sady safe varotsy mitovy avao ro hoasany, le niaraky-nipetsaky tamin-drozy ie sady niasa, fa ty manao lay ro asan-drozy. ⁴Ka le nialy hevitsy tamy ty synagoga ao isaky ty Sabata i Paoly. Nandresy lahatsy Jiosy noho Gika rey ie. ⁵Fa lafa nijotso baka Makedonia any i Silasy noho Timoty, le niforiseva ty Fanahy hanambara amy Jiosy rey fa Jesosy ro Kristy i Paoly. ⁶Lafa nanohitsy noho nikizakizaky androzy Jiosy, le nanafoato ty sikiny tamin-drozy any i Paoly ka le nanao hozao: "Ho amy ty lohanareo eo lahy ty lionareo; tsy manan-tsiny zaho. Fa manomboky zao le ho amy ty Jentilisa any zaho." ⁷Le niala teo ie bakeo sady nandeha nana an-tsano i Titosy Josto any, lahilahy ze manompo an-Janahary. Ty tsanony ro mariny ty synagoga. ⁸Krispo, mpitariky ty synagoga, nino ty Tompo, niaraky tamy iaby ze nipetsaky tamy ty tsanony ao rey; sady lako tamy Korintiana ze nahare mikasiky zay rey ro nino noho nanao batisa. ⁹Ty Tompo nivola tamy ty i Paoly tamy ty fahita ty haly hozao: "Ka matahotsy, sady ka mivola fa mivolana. ¹⁰Fa Zaho miaro anao, sady tsy hisy olo hahazo hanao raty anao, fa mana olo lako amy tanà toy Zaho." ¹¹Nipetsaky tao tao raiky noho enim-bola i Paoly sady nampianatsy ty safan-Janahary tamin-drozy eo. ¹²Fa lafa manjary governora ty Akaia i Galio, le niaraky-nitsanga Jiosy rey hanohitsy an'i Paoly ka le nanday azy tanila ty toeram-pitsara eo; ¹³nivola ndrozy hozao: "Lahilahy io ro mandresy lahatsy ty olo lako mba hanompo an-Janahary ze mifanohitsy amy ty lalà." ¹⁴Sady laha handeha hivola Paoly, le nivola tamy ty Jiosy i Galio hozao: "Nareo Jiosy, laha hohatsy kable resaky raha-raty ndra heloky zay, le mbo azo eretserety ty fifampiraharaha aminareo." ¹⁵Fa zisiky amy nisiasa ty fanontanea mikasiky ty safa noho anara ty lalanareo rey zay. Zaho tsy maniry ty ho mpitsara raharaha zay. ¹⁶Galio nangalaky androzy hiala tamy ty sezam-pitsara eo. ¹⁷Ka le nanambotsy an'i Sostena ie iaby, ty mpanapaky ty synagoga, sady namango azy taloha ty toeram-pitsara eo. Fa Galio tsy niraharaha ze nanovin-drozy. ¹⁸Paoly, lafa baka nipetsaky tanay ty andro lako mare ao, le nanenga rahalahy rey ka le niondra an-tsambo ho a-Syria any niaraky tamy i Prisila noho Akolia. Taloha ty nialany tamy ty seranan-tsambo eo le nihetezany ta Kenkrea ao ty volony. ¹⁹Lafa niavy ta Efesosy any ndrozy, le nenga i Paoly teo i Prisila noho Akoila, fa ie vatany nilitsy tamy ty synagoga ao ka le nialy hevitsy tamy Jiosy rey. ²⁰Lafa nangataky an'i Paoly mba hijano elaela ndrozy, le nandà ie. ²¹Fa niala androzy ie, nivola hozao: "Mbo himpoly atoy zaho laha sitsapon-Janahary zay." Le niondra an-tsambo niala ta Efesosy ao ie bakeo. ²²Fa nikaiky ta Kaisaria ao i Paoly, le niakatsy ie ka le niarahaba ty egilizy ty Jerosalema sady nijotso nana Antioky any bakeo. ²³Lafa baka nipetsaky lera maromaro tao ie, ie niala i Paoly ka le nitety faritsy i Galatia noho Frygia rey sady nanankery ty mpianatsy iaby. ²⁴Sady nisy Jiosy raiky nikaiky hoe Apostoly, teraky ta Aleksandria any, niavy ta Efesosy ao. Ie ro nahay nandahatsy-safa sasy nahay soa ty Soratsy Masy. ²⁵Apolosy ro nampoanaty tamy fampianara ty Tompo. Mahafatsa-po amy ty fanahy, ie nivola noho nampianatsy marina raha mikasiky an'i Jesosy rey, neka ty batisa i Jaona avao ro hainy. ²⁶Apolosy nanomboky nivola am-pahasakia tamy ty synagoga ao. Fa lafa nahare azy i Prisila noho Akoila, le nangalaky azy ho amy ty sisny eny sady nanazava taminy marina vatany ty lalan-Janahary. ²⁷Lafa naniry mba hamakivaky an'i Akaia ie, le nampahery androzy rahalahy sady nanoratsy ho ahy ty mpianatsy rey ta Akaia ao mba handramby azy. Lafa avy ie, le nanampy lako ze nino tamybtty fahasoava rey. ²⁸Apolosy nanohitsy mare Jiosy rey tamy ty aly hevitsy ampahibemaso, nampitoro tamy ty alala ty Soratsy Masy fa Jesosy ro Kristy.

Chapter 19

¹Sady laha mbo ta Korinty any i Apolosy, le niala tamy ty firenea anabo i Paoly rey sady niavy tamy ty tanà ty Efesosy ao, sady nahita mpianatsy ilany tao. ²Hoy Paoly tamin-drozy hozo: "Nahazo ty Fanahy Masy va nareo lafa nino?" Hoy ndrozy taminy hozo: "Aha, mbo tsy nahare mikasiky ty Fanahy Masy vatany zahay." ³Paoly nivola hozo: "Tamy ty ino ao sady zay ro nananova batisa nareo?" Namaly ndrozy hozo: "Tamy ty batisa i Jaona ao." ⁴Ka le namaly Paoly hozo: "Jaona manao batisa amy ty batisa ty fibebaha. Nivola tamy ty olo lako ie fa tokony hino azy raiky ze avy afarany ndrozy, zay le, amy i Jesosy ao." ⁵Lafa nahare zay ty olo, le nanovy batisa tamy ty anara ty Tompo Jesosy ndrozy. ⁶Bakeo lafa nampipetsaky ty tanany tamin-drozy i Paoly, le nilatsaky tamin-drozy ty Fanahy Masy sady nivola tamy fivolana hafa noho nanao ha to-resaky ndrozy. ⁷Tamy ty folo roa amby teo ho eo ie iaby. ⁸litsy tamy ty synagoga ao i Paoly sady nivola am-pahasakia anay ty telo vola, nandresy lahatsy noho nampanenky androzy ty mikasiky ty fanjakan-Janahry. ⁹Fa lafa mare fo noho tsy nanenky Jiosy ilany rey, le nanomboky nivola raty ty Lala taloha ty olo lako eo ndrozy. Ka le nenga i Paoly ndrozy sady nandesiny mpianatsy rey, nandresy lahatsy androzy isan'andro tamy ty efitsano fampianara ty Tiraniaana ao. ¹⁰Nitohy tanay ty roa tao zay, ka le ze iaby nipetsaky ta Asia ao ro nahare ty safa ty Tompo, sady Jiosy rey noho Grika rey. ¹¹Njanahary nanao asa mahatseriky tamy ty alala ty tana i Paoly, ¹²ka le ndra le mosoara rey noho aron'akanjo ze nikasiky azy rey aza le nanovy tamy ty marary ka le afaky ty aretin-drozy sady niboaky baka amin-drozy ao fanahy raty rey. ¹³Fa nisy Jiosy mpangalaky fanahy raty nandeha tan-toera eny. Nikaiky ty anara ty Tompo Jesosy ndrozy mba hananan-drozy hery hanohera ty fanahy raty lafa nivola ndrozy hozo: "Amy ty alala i Jesosy ze nambara i Paoly, mibeko anao zaho mba hiboaky." ¹⁴Ty mpisorobey Jiosy manday ty anarany hoe Skeva sady manan-anaky fito lahy rey ro nanao zay. ¹⁵Nisy fanahy raty namaly androzy hozo: "Haiko Jesosy, sady haiko Paoly; fa ia nareo?" ¹⁶Ty fanahy raty tamy azy lahilahy iny ao le nitsamboko tamy mpangalaky devoly rey sady niala tamy azy tsano nitanjaky iny ao noho naratsy. ¹⁷Nanjary hay iaby zay, noho Jiosy rey noho Jentilisa rey, ze nipetsaky ta Efesosy any. Nanjary natahotsy mare ndrozy, ka le ty anara ty Tompo Jesosy ro nameam-boninahitsy. ¹⁸Sady koa, lako tamy mpino rey ro namonjy noho nibebaky sady nikaiky raha raty ze vitan-drozy rey. ¹⁹Lako nihisa aoly rey ro niaraky-nanday ty bokin-drozy noho nandoro zay tamaso ty kirai-draiky eo. Lafa nanisaky ty tombam-bily rey ndrozy, le farantsy volafoty dimy aly zay. ²⁰Ka le niparitaky mare tamy ty fomba matanjaky ty safa ty Tompo. ²¹Sady lafa nahavita ty asa fanompoany ta Efesosy any i Paoly, le nanapa-kevitsy tamy ty fanahy ie mba hiala an'i Makedonia noho Akaia tan-dalany eny mana Jerosalema any, hoy ie: "Lafa baka any zaho, le tsy maintsy mana Romz any avao koa." ²²Paoly nandefa roe tamy mpanampy azy rey ho a-Makedonia any, i Timoty noho Erasto, ze nanampy azy. Fa ie vatany nijano fotoa kelikely ta Asia any. ²³Tamy fotoa zay ta Efesosy any ro nisy fanelengelea bevata mikasiky ty Lalà. ²⁴Fa nisy mpamboatsy volafoty raiky kaihe hoe Demetrio, ze nanao ty sary sikotsy volafoty i Diana, nampianatsy jala bey ho ahy ty mpanao asa-tanà rey. ²⁵Ka le navoriny niaraky lahilahy miantoky an'i asa io rey sady nivola hozo: "Tompoko, hainao fa amy raharaha toy ro mahazo jala bey zahay." ²⁶Hitanao noho renao zay, tsy ta Efesosy any avao, fa saiky amy ty tany i Asia any iaby, Paoly io ro nandresy lahatsy noho nahatao olo lako. Mivola ie fa tsy misy njanahary vita tamy ty tanà. ²⁷Fa ty loza ro tsy hoe ty varontsika avao ro tsy ho ila sasy, fa ty egilizy ty mpanjak'ampela bevata Diana avao koa le azo dinihe ho tsy misy dikany. Le mety tsobo voninahitsy ie bakeo, ie ze tompoe ty Asia iaby noho ty tany iaby toy." ²⁸Lafa nahare zay ndrozy, le atsiky heloky ndrozy ka le nikoraky mare, nanao hozo: "Bey i Diana an'i Efesosy." ²⁹Atsiky fifandrava tamy ty tanà raiky iaby ao, sady niaraky-nivotsaky ho amy ty tsano fanona fampisehoa an-tsehatsy ao ty olo lako. Voasambotsin-drozy mpiaraky-lia tamy i Paoly rey, Gaio noho Aristarko, ze baka Makedonia any. ³⁰Te hility tamy olo lako lako rey eo i Paoly, fa nisakana mpianatsy rey ie. ³¹Sady avao koa, ty ilany tamy manam-pahefa rey tamy ty faritsy i Asia ao ze namany le nandefa hafatsy nangataky azy mare tsy hility amy ty tsano fananova fampiseho an-tsehatsy ao. ³²Olo ilan'ilany ro nikoraky raha raiky, sady ty ahy ty ilany hafa, safe tanay fifandrava ty olo lako ao. Ty halakoan-drozy aza tsy mahY vatany hoe nanino ndrozy ro niaraky-avy. ³³Ty ilany tamy olo lako rey ro nampahay an'i Aleksandra, ze natosiky olo lako rey ho aloha eny, ka le nanao tihetsika tamy ty tanany i Aleksandra, tehanome fahazava ho ahy ze nivory rey. ³⁴Fa lafa nahay ndrozy fa Jiosy ie, le nikoraky mare tamy ty feo raiky ie iaby teo ho eo amy ty lera roe, nanao hozo: "Bey ty Artemisy ty Efesiana." ³⁵Lafa tsy nampivolany ty olo lako ty bey ty tanà, le nivola ie hozo: "Iha olo ty Efesosy, olo ia ro teo ka le nahay fa ty tanà ty Efesiana ro mpiemby ty egilizy ty Diana bevata noho ty sary ze nilatsaky baka an-danitsy any? ³⁶Sady hita bakeo fa tsy azo enke raha rey, le tokony hangina nareo ka le tsy hanao ndra ino ndra ino tsy am-pihevera. ³⁷Fa nandesinareo amy ty fitsara lahilahy zay zady tsy mpandrava egilizy rey ro tsy mpivola raty ty njanahary ty ampelan-tsika. ³⁸ha zay, laha mana fanasazia manohitsy ty kirai-draiky i Demetrio noho mpanao asa tana ze miaraky aminy rey, le mivoha fitsara rey sady misy solontena ao. Engao ndrozy hifampanao sazy ³⁹Fa laha mila raha milasiky ty olo hafa nareo, le tokony ho hatsanga amy ty

fivoria ara-dalà zay. ⁴⁰Fa handraky tsika le hosonin-doza ho voasazy mikasiky an'i andro ty korakoraky io. Tsy misy dikany fikoronta zay, sady tsy ho afaky hanazava zay tsika." ⁴¹Lafa nibola zay ie, le niravany ty fivoria.

Chapter 20

¹Lafa tampitsy ty korakoraky, namory mpianatsy rey i Paoly sady nampahery androzy bakeo, nanao veloma ie sady lasa mba handeha ho Mekedonia any. ²Lafa nandeha tamy ty faritsy rey eny ndrozy noho nanao safa fankahereza lako androzy, le nivy ta Gresia any ie. ³Lafa baka nijano telo vola tao ie, nisy tetiky-raty nigorony Jiosy rey hanohera azy laha ie handeha hiantsambo ho a-Syria any iny, ka le nanapa-kevitsy ty himpoly ho a-Makedonia any ie. ⁴nanoriky azy zisiky Asia lavitsy any a-Sopatera anakilahy i Pyro any baka a-Beria any; Aris_tarko noho Sekondo, samby baka amy mpino Tesalonika rey; Gayo baka Derbe any; Tymoty, sady Tykiko noho Trofimo baka Asia any. ⁵Fa lahilahy rey fa nitariky anay sady nandiny anay ta Troasy any. ⁶Niondra antsambo niala ta Filipy any zahay tafara ty andro fihinana mofo tsy masira, sady tafara ty limy andro ao ro niavy tamin-drozy any ta Troasy any zahay. Sady nipetsaky tao zahay anay ty fito andro. ⁷Tamy ty andro veloha ty herin'andro, lafa nivory niaraky mba hanapaky ty mofo zahay, le niresaky tamy mpino rey i Paoly. Ie ro naniry handeha ty hamaray iny, ka le tsy nanohy niresaky zisiky amy ty sasaky haly ie. ⁸Nisy jiro lako tamy ty efitsy anabo ao ie nahavianay niaraky. ⁹Tamy ty lafonety eo ro nipetsaky pamaraky nikaihe hoe Eotika toy, ze tafalatsaky tanay roro maré ao. Laha niresaky ela vatany i Paoly, pamaraky io, ro mbo niroro, tafalatsaky baka amy ty etazy fahatelo eny sady lafa nareny ie le hita fa maty. ¹⁰Fa i paoly nijotso, nanampatsy ty vatany taminy eo, sady napiritsy azy. Bakeo ie nivola hozo: "Ka malahelo sasy, fa velo ie." ¹¹Le niakatsy ndraiky ie bakeo sady nanapaky ty mofo noho nihina. Lafa baka niresaky ela tamindrozy zisiky amy ty marain-draibe ie, le nandeha. ¹²Nanday azy pamaraky iny fa velo nimpoly ndrozy sady tena faly le faly. ¹³Tsika mihintsy ro nandeha aloha i Paoly tamy ty sambo sady niatsambo ho Aso any, fa any ro irinay handrambesa an'i Paoly. Zay ro faniriany ie vatany ho anovy, szfe naniry handeha an-tany etoy ie. ¹⁴Lafa nirojiky taminzy ta Aso any ie, le nandesinay tamy ty sambo ie ka le nana Mitylena any. ¹⁵Bakeo niantsambo bakeo zahay sady niavy tamy fy tandrify ty tany i Kio ao maray. Ty andro manaraky le nikaiky tamy ty tany ty Samo ao zahay, sady maray iny le niavy tamy ty tanà i Mileto ao. ¹⁶Fa Paoly nanapa-kevitsy ty hiantsambo handalo an'i Efesosy, mba tsy handany fotoa ela Asia any ie; safe ie ro maiky ty ho a-Jersalema any ty andro tg Pentekosta, laha azony anovy ty manao zay. ¹⁷Baka Mileto any ro nandefasany lahilahy ho a-Efesosy any sady nampikaiky ty olo-bey ty egilizy handeha aminy eo. ¹⁸Lafa niavy taminy ao ndrozy, le nivola tamin-drozy hozo: "Nareo vatanareo mahay, zisiky amy ty andro velohany nanitsahako an'i Asia, hoe manahaky ty ino ro nandaniako ty fotoako niaraky taminareo. ¹⁹Zaho ro nanompo zisiky amy ty Tompo tamy ty fanetse-tena iaby noho ranomaso, sady tanay fijalea ao noho nitsanga tamiko zay noho ty tetiky-raty Jiosy rey. ²⁰Nareo ro mahay fa tsy nitandraky ty tsy fivolana tamy ty fanambara taminareo iaby ze nilà rey zaho, noho ty fomba nampianariko anareo tamason'olo eo sady tamy ty isan-tsano, ²¹nitsanganako vavolombelo tamy Jiosy rey eo noho Hentilisa rey mikasiky ty fibebaha amin-Janahary noho ty finoa amy fy Jesosy Tompontosika ao. ²²Ingo amy zao, ho a-Jerosalema any zaho, niforiseva ty Fanahy Masy ka le tsy mahay ze hahazo ahy any, ²³hafa-tsy ze hampimbena ty Fanahy Masy ahy isaky ty tanà-bey amy fameheza noho fijalea ze mandiny ahy rey. ²⁴Fa zaho ro tsy midiniky ty fiainako hoe sarotsy amy ty vatako, laha tsy hoe hahavita ty laiko noho ty asa fanompoako ze nirambesiko baka amy i Jesosy Tompo zaho, hanambara ty filazantsara ty fahasoavan-Janahary. ²⁵Sady ingo amy zao, haiko fa nareo iaby, ze nambarako ty fanjaka, ro tsy hahita ty tarehiko sasy. ²⁶Laha zay ambarako aminareo amy ty andro toy, fa zaho ro tsy manan-tsiny amy ty lio ty olo. ²⁷Fa tsy navoniko taminareo ty fanambara ty sitsapon-Janahary iaby. ²⁸Laha zay embeno ty mikasiky ty vatanareo, noho ty mikasiky aondry iaby rey ze namitiha ty Fanahy Masy nareo. Miembena amy ty mpiemby aondry ty egilizin-Janahary, ze niviliny tamy ty liony manoka. (Fanamariha: laha hohatsy ka le "Tamy ty liony manoka" ty amy ty taratasy lako fa ela ro mivaky hozo: "Tamy ty lio ty anakilahiny manoka.") ²⁹Haiko fa afara ty fandehanako, ro ho avy aminareo eo alika-li masiaky rey sady tsy hafsrinay aondry rey. ³⁰Haiko fa ndra le baka aminareo aza le hisy olo ho avy sady hanova ty marina mba hitariky mpianatsy rey nanoriky androzy. ³¹Ka le miembena. Tiarovo fa anay ty telo tao zaho ro tsy nijano nampianatsy ty kirai-draiky baka aminareo andro noho ty haly tamy ty ranomaso. ³²Amy zao ankino amin-Janahary noho amy ty safa ty fahasoavany nareo, ze afaky mampitsanga noho manome anareo ty lova amy iaby ze nihamadinany rey eo. ³³Tsy naniry volafoty, volamena, ndra salotsin'olo zaho. ³⁴Nareo vatanareo ro mahay fa tana reto ro nanome ze nilako sady nila ze niaraky tamiko rey. ³⁵Tamy ty raha-iaby ro nanomezako ohatsy anareo ty fomba tokony hanampeanareo malemy rey amy ty alala ty asa, sady ty fomba hitiarovanareo safa i Tompo Jesosy rey, safa ze nambarany ie vatany hozo: "Mahasambatsy vatany ty manome noho ty mandramby." ³⁶Lafa baka nivola manahaky zay ie, le nandohaliky sady nivavaky niaraky tamin-drozy iaby. ³⁷Nisy fitania bey teo sady nipiritsy an'i Paoly noho nanoroky azy ndrozy. ³⁸Nalahelo ty lako tamin-drozy noho ze nivolaniny, hozo: ndrozy ro tsy hahita ty tarehiny sasy. Bakeo nanesy azy tamy ty sambo eny ndrozy.

Chapter 21

¹Lafa niala tamin-drozy eo zahay le niantsambo, sady nandeha lala-mahity mana amy ty tanà i Kosy any, nana amy ty tanà i Rody any ty andro manaraky, sady baka ao ro nana amy ty tanà i Patara ao. ²Lafa nahita sambo nanapaky nana Foinika sny zahay, le nilitsy tao zahay kable niantsambo. ³Lafa bakanahita an'i Kyprosy, le nanenga zay tamy sisny ty sambo eny, niantsambo ho a-Syria any zahay sady nikaiky ta Tyro ao, toera ze nampiboaha tantsambo ty enta tanay sambo ao rey. ⁴Laha vo nahita an'i pianatsy rey zahay, le nijano tanay ty fito andro any. Tamy ty alala ty Fanahy ro nandresy lahatsy an'i Paoly zisiky any ndrozy mba tsy handeha ho a-Jerosalema any. ⁵Lafa tampitsy ty andronay teny, le niala tao zahay ka le nandeha tamy ty lalànay, sady ie iaby, niaraky tamy ty valy noho anany rey, nanoriky niboaky tamy ty tanà ao. Sady nandohaliky tan-driaky eny le nivavaky ⁶sady nifanao veloma. Le nilitsy tab-tsambo ao zahay, sady ndrozy nimpoly tan-tsanony any. ⁷Lafa vitanay ty lia ta Tyro any, le niavy ta Ptolemais any zahay. Tany ro nitojeha tamy rahalahy rey sady nijano ndraiky andro niaraky tamin-drozy. ⁸Lafa maray iny le niala tai zahay sady nandeha ta Sezarea any. Nilitsy ty tsano i Filipino tsika, evanjelista, ze taiky tamy fito rey, sady nijano niaraky taminy zahay. ⁹Amy zao lahilahy io ro nanan-anak'ampela kelikely efatsy ze to-resaky. ¹⁰Lafa nijano tao tanay ty andro lako ao zahay, le nisy olo to-resaky raiky nijotso baka Jodia any nikaiky hoe Agabo. ¹¹Namonjy anay sady nangalaky ty santira i Paoly ie. Tamy iny ro namehezany ty tomboky noho ty tanany sady nivola hozo: "Hiy ty Fanahy Masy, 'le hanahaky zao ro hameheza Jiosy rey a-Jerosalema any ty lahilahy ze tompo santira toy, sady hanome azy an-tana Jentilisa rey eo." ¹²Lafa nahare raha zay zahay, le zahay noho olo mipetsaky amy toera io ao rey ro nangataky tamy i Paoly tsy hiakatsy ho a-Jerosalema any. ¹³Sady namaly i Paoly nanao hozo: "Ino ro anavinareo, mitany noho mamparary ty foko? Zaho fa vonona, fa ho maty a-Jerosalema any avao koa amy ty anara i Tompo Jesosy. ¹⁴Safe tsy naniry ty horesen-dahatsy i Paoly, le nijano nanondrotsy zahay sady nivola hozo: "Engao ho tanteraky ty sitsa-po ty Tompo." ¹⁵Tafara andro rey, le nanday ty kitaponay zahay ka le niakatsy nana Jerosalema any. ¹⁶Le nisy mpianatsy ilany rey avao koa baka Sezarea any nanoriky anay. Nanday lahilahy raiky niaraky tamin-drozy ze nikaiky hoe Menasona, lahilahy baka Sipra any, mpianatsy mainty molaly, ze tokony hiarahanay mipetsaky. ¹⁷Lafa avy ta Jerosalema any zahay, le nandramby anao am-pifalea rahalahy rey. ¹⁸Lafa maray iny le nanoriky anay i Paoly ho amy i Jakoba any, sady teo iaby olo-bey iaby rey. ¹⁹Lafa baka niarahaba androzy, le nanesy kirai-draiky raha iaby ze fa nanovin-Janahary rey ramy Jentilisa rey tamy ty alala ty asa fanompoany. ²⁰Lafa nahare zay ndrozy, le nanompo an-Janahary, sady nivola taminy hozo: "Hitanao, rahalahy e, an'arivony firy ro nino tamy Jiosy rey. Tapa-kevitsy ie iaby hiemby ty lalà. ²¹Fa nivolanin-drozy ty mikasiky anao, fa iha ro mampianatsy Jiosy iaby ze mipetsaky amy Jentilisa rey eo hahafoy an'i Mosesy, sady iha mivola androzy tsy hanavatsy ty anany, sady tsy hanoriky ty fomba taloha. ²²Ino ro tokony hanovintsika? Ho ren-drozy vatany fa avy iha. ²³Ka anovo ze volaninay anao. Mana lahilahy efatsy ze nanao vava zahay. ²⁴Andeso lahilahy rey sady diovo miaraky amin-drozy ty vatanareo, sady aloavo fandanian-drozy rey, mba hanatsatsy ty lohany ndrozy. Ka le ho hainy ty olo iaby fa raha ze nivolany mikasiky anareo rey ro dika. Ho hain-drozy fa iha ro manoriky lalà avao koa. ²⁵Fa mikasiky Jentilisa ze nino rey, zahay ro nanoratsy noho nnome torolala fa tokony hiemby ty vatany amy ty raha vita soro ho ahy ty sampy ndrozy, baka amy ty lio, baka amy ze nifehozy, noho baka amy ty heriloba. ²⁶Bakeo le nala i Paoly lahilahy rey, sady lafa maray iny, ie nanalio ty vatany niaraky tamin-drozy, nilitsy tan-degilizy ao, nampiharo ty vanimpotoa ty andro ty vahadiova, zisiky-hanatera ty fanomeza ho ahy ty olo kirai-draiky tamin-drozy. ²⁷Lafa ho tampitsy andro fito rey, Jiosy ilany rey baka Asia any, nahita an'i Paoly tan-degilizy ao, nampikoronta olo lako iaby rey, sady nanambotsy azy. ²⁸Nikorakoraky ndrozy hozo: "Olon'Israely, ampeo zahay". Io azy lahilahy ze mampianatsy ty olo zisiky aia aia iny raha ze manohitsy ty olo, ty lalà, sady tiera toy. Fanampy zay, nanday Grika tan-degilizy ao avao koa ie sady nandoto ty toefa masy toy. ²⁹Fa ndrozy taloha eo nahita an'i Trofima ze Efezianina niaraky taminy tan-tanà ao, sady nieritseritsy ndrozy fa i Paoly ro nanday azy tan-degilizy ao. ³⁰Nifampiparitaky ty tanà iaby, sady niaraky nilay noho nanambotsy an'i Paoly ty olo. Nisinto azy hiboaky amy ty egilizy ndrozy ao, le nakatoky teo noho ty varavara. ³¹Laha tam-pamonoa azy eo bdrozy, le nisy vaovao avy tamy ty kapiteny ty mpiemby any fa mikoronta iaby Jerosalema raiky iaby. ³²Tonga de nangalaky maramila noho kapiteny ie sady nilay nijotso nana amy olo lako rey any. Lafa nahita ty kapiteny noho maramila rey ty olo lako, le nijano namango an'i Paoly ndrozy. ³³Le namonjy azy kapiteny iny sady nanambotsy an'i Paoly, sady nanoviny nifehexy tamy ty rojo vy toe ie. Le nanontany ie hoe ia ie sady ino ro nanoviny. ³⁴Ty ilany tamy olo lako nikorakoraky raha raiky rey sady hafa raha hafa rey. Safe tsy afaky nivola ndra ino ndra ino ndra olo ty korakoraky iaby rey, le nanoviny nandesy ho amy ty rova i Paoly any. ³⁵Lafa avy tamy ty esikalie eo ie, le nandesy maramila rey ie noho ty heriloha ty olo lako. ³⁶Fa nanoriky tafara ao ty olo lako bey sady nanohy nikorakoraky hozo: "Vonò ie" ³⁷Laha handesy tan-drova ao iny i Paoly, le hoy ie tamy ty kapiteny: " Afaky mivola raha aminao

va zaho?" Hoy azy kapiteny hozao: "Mivola Grika va iha? ³⁸Tsy iha va azy Egyptiana iny, ze nitariky fiharoa taloha any sady nitariky efatsy arivo lahy ahy ty 'mpamono olo rey' niboaky baka an-tany efitsy any?"³⁹I Paoly ro nivola hozao: "Zaho ro Jiosy, baka amy ty tanà i Tarsosy any a-Kiliaka any. Zaho ro olom-pirenea ty tanà manan-danja. Mangataky aminao zaho, engao hivola amy ty olo". ⁴⁰Lafa nanenga azy hivola azy kapiteny iny, le nitsanga tamy ty tahotsy eo i Paoly sady nanao fihetsiky tamy ty tanàny tamy ty olo lako. Lafa nisy tsy fivolana laliky, le niresaky tamin-drozy tamy ty fivolana Hebreo ie. Hoy ie:

Chapter 22

¹Rahalahy noho ray, janjino ty fiarovako ze hanoviko aminareo amy zao." ²Lafa nahare an'i Paoly nivola tamy ty safa Hebreo olo lako rey, le nanjary tsy nivola ndrozy. Hoy ie hozo: ³"Jiosy zaho, teraky ta Tarsosy any Kilikia any, fa niteza tamy tanà toy teto tamy ty tomboky i Gamaliela eo. Nampianary manahaky ty fomba mahery ty lalà razantsika rey zaho. Tena mafana fo ho ahin-Janahary zaho, manahaky anareo iaby amy andro zao. ⁴Nania Lalà io ho amy ty fahafatesa zaho, namehy noho nanome androzy ho anovy an-tsano maiky ndra lahilahy ndra ampela, ⁵sady ty mpisoro bey noho olo-bey iabyrey afaky mitsanga vavolombelo. Naharamby taratasy baka amin-drozy any zaho ho ahy rahalahy nanday androzy nimpoly rey mbo mifehy hana Jerosaoema any mba hanasazia androzy. ⁶Zao ro ninoaky lafa nandeha sady nanariny ahy ty Damaskosy zaho, sady tamy ty mitataovovona teo ho eo le nisy hazava bevata baka an-danitsy any nanomboky nipiriaky niodidy ahy. ⁷Lavo tamy ty tany zaho sady nahare fei nivola tamiko hozo: 'Saoly, Saoly, nanino iha ro mania Ahy?' ⁸Namaly zaho hozo: 'Ia moa iha, Tompoko?' Nivola tamiko Ie hozo: 'Zaho ro Jesosy ty Nazareta, ze enjehinao. ⁹Ze niarajy tamiko rey le nahita ty hazava, fa ndrozy ro tsy nahay azy feony ze nivola tamiko iny. ¹⁰Hoy zaho hozo: 'Ino ro tokony anoviko, Tompoko?' Ty Tompo nivola tamiko hozo: 'Mitsangàna sady milira a-Damaskosy any; any ro hanambara anao ty raha-iaby ze tokony hanovinao.' ¹¹Tsy nahita noho ty fipiriaky fahazava zay zaho, sady nitandraha ze niaraky tamiko rey, ka le niavy ta Damaskosy any zaho. ¹²Nitojiky tamy ty lahilahy raiky nikaihy hoe Ananiasy tany zaho, lahilahy matahotsy an-Janahary mnoriky ty lalà sady soa laza tamy Jiosy iaby ze nipetsaky ao rey. ¹³Namonjy ahy ie, nijoro tanilako eo, sady nivola hozo: 'Rahalahy Saoly, mahiràta.' Tamy ora zay bibike le nahita azy zaho. ¹⁴Sady nivola ie hozo: 'Ty Njanahary ty razantsika rey ro nitingy anao mba hangalaky ty sitsapony, mba hahita ty Raiky Marina, sady hahare ty feo aboaky ty vavany. ¹⁵Fa ho vavolombelo ho Azy amy ty olo iaby mikasiky ze hitanao noho renao iha. ¹⁶Sady manino iha ro mandiny? Mitsangàna, engao hanovy batisa, sady diovo fahotanao rey, mikaiha amy ty anarany.' ¹⁷Lafa baka nimpoly ta Jerosalema any zaho, sady laha mbo nivavaky tan-degilizy ao, le nahazo tsindrimandry zaho. ¹⁸Nahita Azy zaho nivola tamiko hozo: 'Malaky mialà an'i Jerosalema malaky, safe ndrozy tsy hanenky ty fitsangananao vavolombelo mikasiky Ahy.' ¹⁹Hoy zaho: 'Tampo, ndrozy vatany ro mahay fa zaho nanagadra noho namango ze nino Anao rey tamy ty synagoga iaby eo. ²⁰Lafa nalatsaky ty lio Stefana vavolombelonao, zaho koa ro mba nitsangatsanga teo noho nanenky, sady niemby ty fisalora ze namono azy rey zaho.' ²¹Fa nivola tamiko Ie hozo: 'Mandehana, safe halefako lavitsy Jentilisa rey iha.' ²²Nijanjy azy ndrozy zisiky-pivolnany zay. Le nikoraky mare ndrozy sady nivola hozo: 'Vonò hiala amy ty tany eto ty lahilahy manahaky io, safe tsy maeva ty ho velo ie.' ²³Laha nikorakoraky ndrozy, nanoraky ty salon, sady nanoraky lemboky tamy ty tsioky, ²⁴ty bey ty kapiteny ro nibeko an'i Paoly mba handesy amy ty lapa any. Ie nibeko fa tokony hantonea miaraky amy ty vangoa ie, ka le mba ie vatany ro hahay hoe nanino ndrozy ro nikorakoraky nanohitsy azy manahaky zay. ²⁵Lafa namehy azy tamy ty foly holitsy ndrozy, le hoy Paoly tamy azy kapiteny iny ze nitsanga teo: 'Ara-dalà ho ahy nareo va ty manakaravansy lahilahy ze Romana noho tsy mbo nitsarà vatany? ²⁶Lafa nahare zay azy kapiteny, le nana amy ty bey ty kapiteny ie ka le nivola azy, nivola hozo: 'Ino raha anovinao zao? Fa olo ty Romana lahilahy io.' ²⁷Namonjy azy bey ty kapiteny iny sady nivola taminy hozo: 'Volano ahy, olo i Romana va iha?' Paoly namaly hozo: 'Eka.' ²⁸Sady namaly azy bey ty kapiteny iny hozo: 'Tamy ty jala bey avao ro nahazoako zom-pirenea io. Fa Paoly nivola hozo: 'Nateraky ho olo ty Romana zaho.' ²⁹Sady niala azy teo no ho eo azy lahilahy ze nampipetsaky-fanontanea azy iny. Natahotsy avao koa azy bey ty kapiteny iny, lafa hainy fa olo Romana i Paoly, safe ie namehy azy. ³⁰Lafa marqy iny, te hahay ty marina mikasiky fialona Jiosy nanohitsy an'i Paoly rey ty bey ty kapiteny. Kanle nivahany fehy rey sady nibekompisoro bey rey noho filan-kevitsy iaby rey mba hivory ie. Sady nanday an'i Paoly nijotso ie sady nampipetsaky azy tanivon-drozy eo.

Chapter 23

¹I petera ronanenty nivanta tamy mpiharo rey any tamy ty filà-hevitsy rey ao sady nivola hozao: "Rqhalahy, zaho eo fa niay tanilan-Janahary eo tamy ty fieretsereta soa iaby zisiky androany."² Ty mpisorobey Ananiasy ro nibeko ze nitsanga tanilany rey eo mba hamangoa ty vavany. ³Bakeo i Paoly nivola azy hozao: "Njanahary ro namango anao, iha, rindry voalalotsy foty. Iha va ro mipetsaky hitsara ahy amy ty lalà, nefz mibekoahy mba ho vangoa, tsy manahaky ty lalà?"⁴Ze nitsanga rey teo ro nivola hozao: "Zao va ro fomba hanivativanareo ty mpisorobein-Janahary?"⁵ I Paoly nivola hozao: "Tsy nahay zaho, rahalahy, hoe ia azy lahilahy lehibe ty mpisorobey iny. Fa voasoratsy hozao: tsy tokony hivola raty ty mpanday ty olo lakonao iha."⁶Lafa hita i Paoly fa ty ilany tamy ty fila-hevitsy ro Sadosseo sady ty hafa Fariseo, le nivola mare tamy ty fila-hevitsy ao ie hozao: "Rahaahy, Zaho ro Fariseo, anakilahy Fariseo rey. Zay ro ie safe zaho ro manantena soa ty fitsangana ty maty ze hitsara ahy."⁷Lafa nivola zay ie, le nanomboky nisy fifamalea tamy Fariseo rey eo noho Sadoseso rey, sady ty olo lako ro nizara. ⁸Fa Sadosseo rey ro nivola fa tsy misy ty fitsangana amy ty maty, tsy misy anjely rey, sadytsy misy fanahy rey, nefa Fariseo rey ro nanenky androzy iaby.⁹Laha zay le nisy fikorakoraha mare niboaky, sady ty ilany tamy mpanoradalà Fariseo reo ro nitsanga sady nialy hevitsy, nivola hozao: "Zahay ro tsy mahita raha diso amy lahilahy io. Nanino laha ty fanahy ndra ty anjely ro niresaky taminy?"¹⁰Lafa nisy fifamalea mzre teo, ty kapiteny mpitariky ro natahotsy tsy noho le hifandrombahan-drozy i Paoly laha zay ie le nibeko maramila rey mba hijotso noho hangalaky azy forise amy mpiharorey any amy ty fila-hevitsy ao, ssdy handay azy an-dapa any.¹¹Ty haly manoriky ty Tompo le nitsanga tanilany eo sady nivola hozao: "Ka matahotsy, fa manahaky ty nitsangananao vavolombelo mikasiky ahy ta Jerosalema any, ro tsy maintsy hitsangananao vavolombelo a-Roma any avao koa."¹²Lafa maray ty andro, ty Jiosy ilany ro namoro tetiky sady nanozo ty vatan-drozy miaraky amy ty fifanta mba tsy hihina ndra hino ndra ino ndra ino zisiky-hamonoan-drozy an'i Paoly. ¹³Mandilatsy ty efapolo olo ndrozy ze namoro tetiky io.¹⁴Ndrozy ro nandeha tamy ty mpisorobey rey any noho olo-bey rey ka le nivola hozao: "Zahay ro fa nanao fanomeza bevata tamy ty vatany, mba tsy hihina ndra ino ndra ino zisiky-hamonoanay an'i Paoly.¹⁵Amy zao, laha zay, engao ty fila-hevitsy hivola amy ty kapiteny mpitariky mba handay azy hijotso aminareo eto, sady nareo manahaky ty hoe hanapa-kevitsy amy ty raha-misy mikasiky azy marina vatany. Fa ho ahy nay, zahay ro vonona ty hamono azy aloha ty hiaviany eto."¹⁶Nefa ty anakilahy ty anabavy i Paoly ro nzhare fa tampandinasa ty hamonoa azy eo rozy, laha zay ie le nandeha sady nilitsy ty lPa ka le nivola tamy i Paoly. ¹⁷I Paoly ro nikaiky ty raiky tamy kapiteny rey ka le nivola hozao: "Andeso amy ty kapiteny any mpitariky pamaraky rey toy, fa mana raha hovolany aminy ie."¹⁸Laha zay azy kapiteny iny ro nandramby azy pamaraky iny sady nanday azy amy kapiteny mpitariky any ka le nivola hozao: "I Paoly azy gadra ino ro nikaiky ahy ho aminy any, sady nangataky ahy mba handay pamaraky toy ho aminao eo. Mana raha ho volany aminao ie."¹⁹Ty kapiteny mpitariky ro nangalaky azy tamy ty tana ho amy ty toera raiky iny any sady nanontany azy hozao: "Ino tokony ho volaninao amiko zay?"²⁰Azy pamaraky mivola hozao iny: "Jiosy rey ro fa nanenky ty hangataky aminao mba handay an'i Paoly hijotso amy ty fila-hevitsy any hamaray, manahaky ty hoe ndrozy ro handeha hanontany ty mikasiky azy marina vatany. ²¹Nefa ka manenky androzy, safe nizy olo mandilatsy ty efapolo ze fa vonona ty hamono azy. Nikaiky ozo ho ahy ty vatany ndrozy, mba tsy hihina ndra hino siziky-himamoan-drozy azy. Fa ndra zao aza le fa vonona ndrozy, mandiny fanenkea baka aminao any."²²Ka le nenga azy kapiteny mpifehy iny handeha azy pamaraky iny, tafara ty nanoroany azy hozao: "Ka mivola ndra amin'ia ndra amin'ia hoe nivolza raha tamiko iha."²³Bakeo ie le nikaiky ho aminy eo ty roe tamy kapiteny rey ka le nivola hozao: "Engao ty maramila roanjato ze vonona ty handeha a-Kaisaria any, noho mpiondra-sovaly fitopolo avao koa, sady mpanday lefo roanjato. Handeha iha amy tyora faha telo ty haliky."²⁴Ie avao koa ro nibeko androzy mba hanome biby se afaky hiondra i Paoly, sady mba handay azy soa soa bibike amy iFeliksa any azy governora iny.²⁵Bakeo le nanoratsy taratasy manahaky zao ie: ²⁶"Klaudio Lisia ho an'i Feliksa governora soa bibike, salama. ²⁷Lahilhy io ro nisambory i Jiosy rey sady manaly ho nivonon-drozy, lafa niavy tamin-drozy eto niaraky tamy maramila rey zaho le nanavotsy azy, safe nahay zaho fa ie ro olom-pirenea Romana. ²⁸Zaho ro te hahay ty dika nanasazian-drozy azy, laha zahy le nandesiko nijotso tamy ty fila-hevitsin-drozy ao ie. ²⁹Nahay zaho fa voasazy tamy ty aly hevitsy mikasiky ty lalàn-drozy raiky ie, nefa tsy misy fanasazia nanohitsy zy ze maeva fahafatesa ndra fanagadra. ³⁰Baeo le nampahaizy ahy fa nizy tetiky hanohera azy lahilahy iny, laha zay le nandefa azy teo noho taminao eo any zaho, sady nanafatsy mpanasazy rey azy avao koa mba handay ty fanasazian-drozy rosy anilanao eo. Veloma."³¹Ka laha zay maramila rey ro nanenky bekon-drozy rey. Nalan-drozy i Paoly sady nandesing tamy ty haliky ta Antipatria any. ³²Lafa maray, ty halakoa maramila rey ro niala mpiondra-sovaly rey mba handeha hiaraky aminy fa ndrozy ro nimpoly tan-dapa any. ³³Lafa niavy ta Kaisaria any mpiondra-sovaly rey ka le nanome ty taratasy ho ahy ty governora, le nanome an'i Paoly taminy avao koa. ³⁴Lafa namaky ty taratasy ty governora, ro

nanotany ty faritsy ze niavy i Paoly ie. Lafa hainy fa baka Kilikia any ie, le nivola hozao: "Zaho ro hahare tanteraky anao lafa niavy eto mpanasazy anao rey." ³⁵Le nanoviny nitandraha tamy ty foibey ty fanjaka i Heroda rey ao ie.

Chapter 24

¹Tafara ty limy andro, Ananiasy azy mpisorobey iny, olo-bey ilany rey, sady mpikabary kaihe hoe Tertylo iny ro nandeha tany. Lahilahy rey ro nanday fanasazia an'i Paoly taloha ty governora eo. ²Lafa nitsanga taloha ty governora eo i Paoly, le nanomboky nisazie azy i Tertylo ka le nivola tamy ty governora hozao: "Laha iha le mana fiadana bevata zahay, sady ty fahitanao ro manday fanovà soa amy ty fireneanay eo; ³ka le am-pankasitsaha tanteraky ro handrambesanay ty raha iaby ze anovinao, Feliksa soa bibiky.⁴Mba tsy hitandrahako anareo ela mare, le mangataky fotoa tsy ampy aminareo zaho mba hijanjy ahy am-pienena. ⁵Fa lahilahy io ro hitanay fa mpanakoronta sady raiky se nitariky ty Jiosy iaby mameno ty tany iaby toy hiharo iny. Ie ro mpitariky ty sekta Nazareana. ⁶Sady ie avao koa ro niezaky ty handoto ty egilizy, ka le nisamborinay ie. (Fanamariha: Taratasy-lako taloha rey ro nanampu hozao: "Teanay ho tsara manahaky ty lalàny ie.")⁷(Fanamariha: Taratasy-lako taloha rey ro ahita amy ty andininy faha 7 ao hozao: "Fa Lysia, mpiantoky, niavy sady nangalaky azy forise tan-tananay eo.")⁸Lafa manontany an'i Paoly mikasiky raha-iaby rey iha, le ho hainao ty mikasiky fanasazia nanovinay mikasiky azy reny." (Fanamariha: Taratasy-lako taloha rey ro nanampy amy ty tapany velohany ao amy ty andininy faha 8 hozao: "Nandefa anay tamin'ao eo.")⁹Jiosy rey avao koa ro nanampy sorsaky fanasazia reny, sady nampahery fa marina iaby reny.¹⁰Fa lafa nitondro ty mpanapaky hivola i Paoly, le namaly Oaoly hozao: "Haiko fa iha ro mpitsara teto tamy firebea toy tanay ty tao lako, ka le faly ty vatako manazava aminao. ¹¹Ho hainao fa tsy mbo nandilatsy ty folo roa amby andro ze ro niakarako nanompo ta Jerosalema any. ¹²Lafa hitan-drozy tan-degilizy ao zaho, le tsy nialy hevitsy ndra tamin'ia ndra tamin'ia zaho, sady tsy nandrisiky ty olo lako, ndra tamy synagoga rey ao, ndra tan-tanà ao. ¹³Tsy afaky manaporoko aminao fanasazia ze nanoviny amiko amy zao rey ndrozy.¹⁴Fe zaho manenky zao aminao, manahaky ty Fampinara ze kaihina-drozy hoe sekta, le manahaky zay koa ro hanompoko ty Njanahary ty razambentsika. Zaho ro matoky amy ty iaby ze amy ty lalà ao noho voasoratsy olo to-resaky rey. ¹⁵Mana ty fatokisa an-Janahary manahaky olo rey zaho, fa hisy ty fitsangana ty marina noho ty raty fanahy amy fy maty. ¹⁶Laha zay zaho le miezaky mandrakariva mba hana fisaina malio anilan-Janahary eo noho ty olombelo.¹⁷Sady tafara ty tao lako ro avy zaho handay fanampea ho ahy ty fireneako noho fanomeza ara-jala.¹⁸Lafa vitako zay, nisy Jiosy kelikely baka Asia any nahita ahy tamy ty fety ty fanaliova any tamy ty egilizy ao, tsy niaraky tamy ty olo lako ndra korakoraky. ¹⁹Olo rey ro tokony ho anilanareo eo amy zao ka le hivola ze hanasazian-drozy ahy, laha mana raha ndrozy.²⁰Ndra koa, olo rey avao ro tsy tokony hivola ze hitan-drozy tsy mety amiko atoy lafa nitsanga taloha ty fila-hevitsy ty Jiosy eo zaho, ²¹laha tsy hoe mikasiky ty raha raiky ze nikorahako lafa nitsanga tanivon-drozy eo zaho: "Zay le mikasiky ty fitsanga ty maty ze hitsara ahy anilanareo eo androany."²²Sady Feliksa, ze nampahaizy soa mikasiky azy Fampianara iny. Ie ro nivola hozao: "Lafa mijotso baka Jerosalema any i Lysia mpibeko, le hanapa-kevitsy ty amy ty raharahanao zaho." ²³Bakeo ie nibeko azy kapiteny iny fa i Paoly ro tokony hembena, fa mba hisy fahafaha le tsy hisy amy namany rey ho sakana amy ty fanampea ze raha ilany.²⁴Andro kelikely tafara zay, le nimpoly niaraky tamy i Drosila valiny i Feliksa, ze ampela Jiosy, ka le nalefa ho an'i Paoly ie sady nahare taminy mikasiky ty finoa amy i Kristy Jesosy ao. ²⁵Fa lafa nialy hevitsy niaraky taminy i Paoly mikasiky ty fahamarina, fienenam-bata, noho ty fitsara ho avy, le nanjary natahotsy i Feliksa ka le nivola hozao: "Mandeha manomboky zao. Fa lafa mana fahafaha zaho afara ao, le handefa ho ahy nao."²⁶Anay ty fotoa zay avao, le nanantena ie fa hanome jala azy i Paoly, laha zay ke nandefa ho azy san'andro ie sady niresaky taminy. ²⁷Fa lafa afaky roe tao, le nanjary governora nanolo an'i Feliksa i Paoly Festosy, fe Feliksa te hahazo sitsaky tamy Jiosy rey, le nengany ho hembena avao i Paoly.

Chapter 25

¹Amy zao, Festosy nilotsy tamy ty faritany ao, sady telo andro tafara tato, le niakatsy baka Kaisaria ao ie ho a-Jerosalema any. ²Ty loha ty mpisoro noho Jiosy manan-kaja rey ro nanday fanasazia hasazy an'i Paoly, ka le nandrisiky azy ³noho nangataky taminy ndrozy mba hampilitsy-loza an'i Paoly _ka mety hampikaiky an'i Paoly ho a-Jerosalema any Festosy mba hafahan-drozy mamono azy an-dala eny.⁴Nefa Festosy namaly fagadra kaisaria ao Paoly, sady ie vatany ro hidiniky any tsy ho ela. ⁵"Laha zay, ze afaky rey," hoy ie: "le tokony handeha hiaraky aminay ho any. Laha nanao raha tsy nety azy pahilahy iny, le tokony hanasazy azy rozy."⁶Festosy le tsy nijno nandilatsy ty vlo ndra folo ndro sady bakeo nijotso nana Kaisaria any, sady ty andro manaraky le nipetsaky tamy ty toera ty fitsara ao ie sady nibeko an'i Paoly mba handesy aminy any. ⁷Lafa avy ie, le nipetsaky fanila Jiosy rey eo baka Jerosalema any, sady nanday fanasazia bevata mare ndrozy ze tsy afaky niporofoen-drozy. ⁸Niaro-vata Paoly sady nivola hozo: "Tsy nanao raha raty manohitsy ty lalà ty Jiosy zaho ndra manohitsy ty egilizy ndra manohitsy an'i Kaisara."⁹Fe nila ze ahazoa ty fankasitsaha Jiosy rey i Festosy, sady noho zay le namaly an'i Paoly ie ka le nivola hozo: "Te-hiakatsy ho a-Jerosalema any va iha sady ho tsarako ty mikasiky raha tany reny?" ¹⁰Hoy Paoly hozo: "Mitsangana aloha ty seza fitsara i Kaisara eto zaho ze tsy maintsy hitsara ahy. Tsy nanao raty ty Jiosy zaho, manahaky ty fa hainao soa."¹¹Nefa laha nanao raty zaho sady laha nanao ze mety ty fahafatesa, le tsy mandà ty ho maty. Fa laha tsy misy fanasazian-drozy rey, le tsy misy olo afaky manday ahy ho amin-drozy any. Mangataky an'i Kaisara zaho." ¹²Lafa vaka niresaky tamy ty fila-hevitsy Festosy, le namaly ie hozo: "Nangataky an'i Kaisara iha. Amy i Kaisara any ro handehananao."¹³Sady tafara ty andro kelikely, le niavy tamy i Kaisaria any i Agripa mpanjaka noho Berenika mba hamangy an'i Festosy. ¹⁴Tafara ty naha tao azy anay ty andro lko, le namea i Festosy tamy ty mpanjaka ty raharaha i Paoly eo; nivola ie hozo: "Nisy lahilahy raiky nenga i Felix atoy manahaky ty gadra." ¹⁵Lafa ta Jerosalema any zaho, le nanday fanasazia lahilahy toy tamiko tatoy loha ty mpisoro noho loha ty Jiosy rey, sady nangataky safa fanasazia ho androzy rozy. ¹⁶Namaly androzy zaho fa tsy fomba Romana rey ty manome olo mialoha ty hamonjeany mpanasazy rey azy noho hananany fahafaha hiaro-vata amy fanasazia rey.¹⁷Laha zay, lafa niaraky-niavy teto ndrozy, le tsy nandiny zaho, fa ty andro manaraky ro nipetsaky tamy ty seza ty fitsara eo zaho sady nibeko ty ampilira azy lahilahy iny. ¹⁸Lafa nitsanga mpanasazy rey ka le nanasazy azy, le nidinihiko fa tsy nisy bevata ty fanasazia nandesin-drozy ho azy. ¹⁹Fa koa, nifamaly ndrozy mikasiky ty fivavan-drozy manoka noho mikasiky Jesosy ze maty zay, ze nambara i Paoly fa velo. ²⁰Tsy azoko antoky ty fomba hanontanea raha toy, sady laha zay le nanontaneako ie laha vonona ty ho a-Jerosalema any mba ho tsara mikasiky fanasazia rey any.²¹Fa lafa nangataky ty hijano an-gadra ao mba handiny ty fanapahan-kevitsy ty Amperora i Paoly, le nibeko azy zaho mba ho tandraha an-gadra ao ie zisiky-handefasako azy amy i Kaisara ao." ²²Agripa niresaky tamy i Festosy hozo: "Te-hahare lahilahy toy avao koa zaho." "Hamaray," hoy Festosy: "Hahare azy iha."²³Ka le ty andro manaraky, le niavy niaraky tamy ty fety lako mare Agripa noho Berenika; nana amy ty efitsano bevata ao niaraky tamy maramila mpifehy rey nono lahilahy manan-kaja tamy ty tanàn-drozy rey eo. Lafa nivola azy lily Festosy iny, le nandesin-drozy Paoly. ²⁴Hoy Festosy hozo: "Agripa mpanjaka, noho nareo lahilahy iaby ze miaraky aminay eto rey. hitanareo lahilahy toy; olo lako ty Jiosy iby rey nifanaraky tamiko ta Jerosalema any noho eto avao koa, le nitoreo tamiko ndrozy fa tsy tokony ho velo sasy ie."²⁵Haiko fa tsy nanao ndra ino ndra ino maeva ty fahafatesa ie; fa safe nangataky ty Amperora ie, le nanapakevitsy zaho ty handefa azy. ²⁶Fe tsy mizy raha manan-danja ho soratiko amy ty Amperora any. Laha antony zay, le nandesiko taminareo eo ie, sandraky aminao, Agripa Mpanjaka, mba afahako mana raha ho soraty bevata bibiky mikasiky azy raharaha iny. ²⁷Safe hohatsy tsy mety amiko ty mandefa gadra noho tsy mivola ze sazy azy koa.

Chapter 26

¹Laha zay Agripa novola tamy i Paoly hozao: "Afaky mivola ho ahy ty vatanao iha." Le manampatsy ty tanany Paoly sady nanao ty fiarovam-batany. " ²Manoro ty vatako manahaky ty faly zaho, Agripa mpanjaka, mba handay ty raha mahazo ahy alohanao eto androzy manohitsy fanasazia Jiosy iaby rey; ³handraky safe iha fa mahay amy ty fomba fanovy noho fanontanea ty Jiosy iaby. Laha zay le mangataky anao zaho hijanjy ahy tsy ela tsy ela. ⁴Marina fa, Jiosy iaby rey ro mahay ty fomba fiainako zisiky amy ty fahatanorako tamy ty fireheako any manoka noho ta Jerosalema ao. ⁵Ndrozy ro nahay ahy zisiky am-belohany any sady tokony hanenky ndrozy fa Fariseo fiaina zaho, ty mahery bibiky amy ty antoko ty fivavahantsika. ⁶Sady mitsanga eto zaho mba ho tsarà safe mila ty fampanantena ze nanovin-Janahary tamy razantsika rey zaho. ⁷Fa toy ro fampanantena nantena ty fokontsika folo roa amby ho rambesy laha nanompo an-Janahary andro noho haliky vatany ndrozy. Ho ahy fanantena zay, Agripa manjaka, ro hanasazy Jiosy rey ahy. ⁸Nanino nareo ro midiniky fa tsy azo inoa fa mampitsanga ty maty Njanahary? ⁹Nisy fotoa zaho nihevitsy tamy ty vatako fa tokony hanao raha lako manohitsy ty anara i Jesosy baka Nazareta any zao. ¹⁰Nanao zay ta Jerosalema any zaho. Nanily lako tamy mpino rey tan-gadra any tamy ty fahefa nirambesiko baka amy ty loha ty mpisoro rey zaho, sady lafa voavono ndrozy, le nandatsaky ty vatoko hanohitsy androzy zaho. ¹¹Nisaziko maro ndrozy tamy synagoga iaby rey sady niezaky ty hisery androzy mba hivola raty zaho. Meloky maré tamin-drozy zaho sady nania androzy ndra le tamy ty tanà rey ambaliky any aza. ¹²Laha mbo nanao zay zaho, le nandeha ta Damaskosy any niaraky tamy ty fahefa noho lily baka amy loha ty mpisoro rey; ¹³sady tan-dala eny nana, amy ty mitataovovona any, Mpanjaka, le nahita hazava baka an-danitsy any zaho ze mipiriaky noho ty masoandro sady zay ro nipiriaky niodidy ahy noho lahilahy ze niaraky-lia tamiko rey. ¹⁴Lafa nilavo tamy ty tany zahay iaby, le nahare feo niresaky tamiko zaho ze nivola tamy th safa Hebreo hozao: 'Saoly, Saoly, nanino iha ro mania Ahy? Sarotsy ho anao ty hitipaky fanindroe.' ¹⁵Bakeo nivola zaho hozao: 'Ia iha, Tompo va? Ty Tompo namaly hozao: 'Zaho ro Jesosy ze enjehinao. ¹⁶Amy zao miarena sady mitsanga amy ty tomboky; safe noho antony zao ro niboahako taminao, mba hanondro anao ho mpiasa noho ho vavolombelo mikasiky raha ze hainao mikasiky Ahy amy zao rey sady raha ze hatoroko anao rey afara kelikely ao; ¹⁷sady hanavotsy anao amy ty olo lako ao noho Jentilisa ze hanirahako anao rey zaho, ¹⁸mba hamoha ty mason-drozy sady hampitoliky androzy hiala amy ty haiky zisiky amy ty fahazava any sady amy ty hery ty Satana zisiky amin-Janahary any, mba hafahan-drozy mandramby baka amin-Janahary ty fanenga-heloky ty fahota noho ty lova ze ameako androzy ze nihamas8ny tamy ty finoa Ahy.' ¹⁹Laha zay, Agripa mpanjaka, nanenky ty fahita baka an-danitsy any zaho; ²⁰fa, ty ahy ze ta Damaskosy aloha rey any, sady bakeo ta Jerosalema any, sady nameno ty tany ty Joda iaby, sady koa tamy Jentilisa rey, nanome androzy ty hafatsy zaho fa tokony hobebaky noho hitoliky amin-Janahary ndrozy, hanao ty asa maeva ty fibebaha. ²¹Laha antony zay ro nanamboara Jiosy rey ahy tan-degilizy ao noho niezaky hamono ahy. ²²Nanampy ahy zisiky amy zao Njanahary, laha zay le mitsanga zaho sady mitsanga vavolombelo amy ty olo-tsotsa noho amy manan-kaja rey noho hivola ndra ino ndra ino mandilatsy ze nivolany olo to-resaky rey noho Mosesy fa hitsanga; ²³fa tsy maintsy hijaly Kristy, sady Ie ro ho velohany hitsanga amy maty mba hitsanga rey noho hanambara fahazava ho ahy ty olo lako Jiosy rey noho Jentilisa rey." ²⁴Laha vita i Paoly ty fiarovam-batany, le nivola tamy ty feo mare Festosy hozao: "Paoly, gegy iha; ty fianaranao bey mare ro nahavy anao ho gegy;" ²⁵Fa hoy Paoly hozao: "Tsy gegy zaho, Festosy soa bibike; fa amy ty fahasakia zaho mivolam-bola ty fahamarina noho fahamatora. ²⁶Fa ty mpanjaka mahay mikasiky raha zay; sady laha zay, mivola amy ty malalaky aminy zaho, fa resy lahatsy fa tsy nisy tamy zay navony taminy; safe tsy nanovy tamy ty daiky any zay. ²⁷Mino ty to-resaky va iha, Agripa mpanjaka? Haiko fa mino iha." ²⁸Agripa nivola tamy i Paoly hozao: "Anay ty fotoa kelikely ao va ro handreseanao lahatsy ahy noho hananovanao ahy ho kristiana?" ²⁹Hoy Paoly hozao: "Mivavaha amin-Janahary zaho, mba ndra ho anay ty fotoa kelikely ao ndra fotoa lava, tsy iha avao, fa iaby ze mahare ahy androany rey avao koa, le hitovy amiko, fa tsy miaraky amy rojo rey." ³⁰Bakeo nitsanga ty mpanjaka, noho ty governora, noho Berenika avao koa, sady ze nipetsaky niaraky tamin-drozy rey; ³¹lafa niala ty tsano fivoriana ndrozy, le nifampiresaky sady nivola hozao: "Lahilahy toy tsy manao famatora." ³²Hoy Agripa tamy i Festosy hozao: Lahilahy toy ro afaky nalefa laha tsy nikaihe tamy i Kaisara anybie."

Chapter 27

¹Lafa tapaky fa tokony hiantsambo ho a-Italia any zahay, le napetsakin-drozy i Paoly noho gadra hafa rey ho ambany ty fahefa ty kapiteny raiky kaihe hoe Jolio eo ze ahy ty rezimanta ty Amperora rey. ²Nilitsy tanay sambo raiky baka Adramytena any zahay, ze hiondra manoriky ty sisin-tany ty Asia. Ka le nandeha an-driaky zahay. Aristarko baka Tesalonika any a-Makedonia any ro nandeha niaraky taminy. ³Ty andro manaraky ro avy tany ty tanà ty Sidona any zahay, ze nanday i Jolio an'i Paoly tany ty hasoam-panahy sady nanenga azy handeha ho amy namany rey any handramby ty fikarakaran-drozy. ⁴Baka any zahay ro nandeha an-driaky sady niantsambo nanaraky ty sisiny ty Kyprosy, nanariny ty tanà, safe nanohitsy anay ty tsioky. ⁵Bakeo niantsambo namakivaky ty riaky zahay sady nanariny ty sisin-tany ty Kilikia noho Pamfilia, avy ta Myra zahay, tanà ty Lykia. ⁶Tany, ty kapiteny ro nahita sambo raiky baka Aleksandria any ze hiantsambo ho a-Italia any. Napetsaky tany zay ao zahay. ⁷Lafa niantsambo niada anay ty andro lako zahay sady ty farany ro avy tam-pahasahirana tanila ty Kinidio eo, le tsy nanenga anay handeha tany lala zay sasy ty tsioky, ka le niatsambo nanaraky ty ilany takon-tsioky ty Kreta zahay, mifanandrify amy ty Salmona. ⁸Nanaraky-sisy ty tam-pahasahirana zahay, zisiky-mahavy anay tany ty toera raiky kaihe hoe Tsara-fitolihan-tsambo any, ze anila ty tanà ty Lasea. ⁹Sady nandany fotoa lako zahay, fa lisatsy avao koa ty fotoa fifalian-kany Jiosy rey, sady fa nanjary nampitoliky-loza ty miondra an-tsambo. Ka le nampiemby androzy Paoly, ¹⁰sady nivola hoo: "Lahilahy, hitako fatoy ro ze ho anovintsika le hisy faharatsana noho fatiantoky lako, tsy ho ahy ty enta noho ty sambo avao, fa ho ahy ty aintsika koa." ¹¹Fa ty kapiteny nanome lanja vatany ty mpanday noho ty tompo ty sambo noho raha ze voavola i Paoly rey. ¹²Safe amy ty serana ao ro tsy mora laha hijano anay ty nintsy, le lako tany mpiantsambo rey ro nanoro hevitsy ty hiondra hiala eo, fa mba afaky hotandraky ty tanà ty Foiniksa amy ty fomba iaby zahay, mba hipetsaky any anay ty nintsy. Foiniksa ro serana a-Kreta any, sady manatsiky ty manavaratsy-andrefa noho ty manantino-andrefa zahay. ¹³Lafa nanomboky nitsoky malemy tsioky baka antimo any, le nihevitsy tantsambo rey fa nana ze nilan-drozy. Ka le nampiakatsy ty vatofantsiky sady niondra nanoriky an'i Kreta ndrozy, nanariny ty sisin-driaky. ¹⁴Fa afaky fotpa kelikely ke nisy talio mahery, nikaihe oe Eoraklydona, nanomboky namango mare baka amy ty tanà any. ¹⁵Lafa tsatsy ty talio ty sambo sady tsy afaky nanohotsy ty tsiko sasy, le tsy maintsy nanome lala ty tsioky zahay sady nandesy ty tsioky eny iaby. ¹⁶Niantsambo nanoriky ty sisiny ty tanà kelikely raiky kaihe hoe Kaoda zahaym sady tany-fahasahirana ro nahafahanay niaro ty laka famonjea ay. ¹⁷Lafa napiakarin-drozy ty laka famonjea ay, le nampiasan-drozy ty taly zay mba hameheza ty vatz ty sambo. Natahotsy ndrozy fa tokony handeha anabo ty fasiky mandrevo ty Syrtiso, ka le nalatsakin-drozy ty vato-fantsiky ty riaky sady nandeha ho azy eny. ¹⁸Tsatsy ty famangoa mahery mare ty tsilio zahay hony kanle ty andro manaraky io ro nanomboky nanary enta tambaliky ty sambo rey any ndrozy. ¹⁹Tany ty andro fahatelo tantsambo rey ro nanoraky ty enta ty sambo tambaliky ty sambo tany ty tanan-drozy raiky. ²⁰Lafa tsy nipiriaky taminay anay ty andro lako ty masoandro noho ty basia, sady mbo namango anay azy talio bevata iny, le tsobo iaby ty fanantena ty hahavoasarombaky anay. ²¹Lafa lasa lavitsy tsy nisy hany ndrozy, le nitsanga tany tantsambo Paoly rey eo sady nivola hoo: "Lahilahy, tokony nijanjy ahy nareo, sady tsy niondra baka a-Kreta any, ho tsatsy faharatsa noho fatiantoky zao. ²²Amy zao le nandrisiky anareo zaho mba hahery, fa tsy hisy fahatsoboan'ay anivonareo eo, fa fahatsoboan-tsambo avao koa. ²³Fa tany ty haly ro nisy anjelin-Janahary ze tompoko, ze tompoko avao koa _ nitsanga tanilako eo ty anjelinny ²⁴sady nivola hoo: 'Ka matahotsy, Paoly e. Tsy maintsy hitsanga anila inKaisara eo iha, sady ingo, Njanahary amy ty hasoam-panahiny ao ro nanome anao iaby miantsambo miaraky aminao rey.' ²⁵Laha zay mionona, lahilahy! Fa mahatoky an-Janahary zaho fa hitsanga manahaky ze boavola tamiko zay. ²⁶Fe tsy maintsy hidofotsy aminy tanà lako tsika." ²⁷Lafa avy ty haly faha-folo efatsy amby, laha natompatompa teroy noho toroa tany ty riaky ty Adrea ao zahay, tokony ho tany ty sasak'aly ro nihevitsy tantsambo rey fa nanenky tany ndrozy. ²⁸Le nangalaky refin-drano ndrozy sady nahita fa efapolo metatsy ty halalikiny; tafara kelikely zay, le mbo nangalaky refin-drano avao ndrozy sady nahita fa telopolo metatsy ty halalikiny. ²⁹Natahotsy ndrozy tsy noho hidofotsy amy vato rey zahay, ka le nandatsaky vatofantsiky efatsy baka afara ao ndrozy sady nivavaky mba hiavia ty maray tsy ho ela. ³⁰Tantsambo rey ro nila fomba hiala ty sambo sady nandatsaky ty laka famonjea aya tan-driaky any, sady somary nandatsaky ty vatofantsiky baka an-doha-tsambo eo ndrozy. ³¹Fa Paoly nivola tany ty kapiteny noho maramila rey hoo: "Laha tsy mijano anay sambo lahilahy rey, tsy ho voasarombaky nareo." ³²Bakeo maramila nanapaky ty taly ty laka rey ka le nanenga zay ho rendriky. ³³Lafa nanomboky nihanazava ty andro, le nandrisiky azy iaby Paoly mba nangalaky hany lako. Hoy ie hoo: "Andro toy ro andro faha-folo efatsy amby ze handinasanareo sady tsy hihinananareo; tsy nihina ndra ino ndra ino nareo. ³⁴Laha zay le mampirisiky anareo zaho mba hizara hany, fa ila zay mba hahavelo anareo. Fa tsy hisy ndra raiky aminareo ze ho tsobo bdra le ty volon-dohany raiky aza." ³⁵Lafa baka nivola zay ie, le nangalaky mofo sady nisaotsy an-Janahary tamaso ty iaby

eo. Bakeo ie nizarazara ty mofo sady nanomboky nihina.³⁶ Bakeo le nahery ie iaby sady nangalaky hany avao koa.³⁷ Olo 276 zahay ro tanay sambo ao.³⁸ Lafa nihina soa ndrozy, le tsy nasian-drozy dikany ty sambo tamy ty nanarian-drozy vary tanay riaky.³⁹ Lafa avy ty andro, le tsy hain-drozy azy tany iny, fa nahita helon-drano raiky nizy tira-pasiky ndrozy, sady nifandiniky ndrozy laha afaky handay ty sambo eny.⁴⁰ Ka le nitapahan-drozy vatofantsiky rey sady nengan-drozy tan-driaky any. Niaraky tamy zay le nalatsakin-drozy ty taly tamy ty famalea eo sady natsangany ty lay ho amy ty tsioky eo: sady le nandeha nana amy ty tora-pasiky eo ndrozy.⁴¹ Fa avy tamy ty toera raiky ze nisy riaky nifanapaky ro ndrozy, ka le nidofotsy tamy ty tany ty sambo. Sady ty loha-sambo le nipitiky teo sady nijano tsy afaky-nihetsiky, fa ty afara-sambo koa nanomboky vaky noho ty fahery ty alo.⁴² Ty tetiky maramila rey le ty hamono gadra rey mba tsy hazy amin-drozy ho afaky handeha hilano ka le hiala.⁴³ Fa azy kapiteny iny te-hamonjy an'i Paoly, ka le najanony ty tetikin-drozy; sady nameany beko mahay milano rey mba hilatsaky ambaliky ty sambo aloha sady ho an-tany eny.⁴⁴ Bakeo tokony hanoriky ty amby lahilahu rey, ty ilany anabo hazo pisaky, sady ty ilany anabo raha hafa baka amy ty sambo ao. Manahaky zay ro nitsanga ka le ty iaby taminay ro avy soa bibike tan-tany eny.

Chapter 28

¹Lafa avy soa bibike zahay, le hainay fa azy tany iny ro nikaiky hoe Malta. ²Terantany rey ro tsy nanome hasoam-panahy tsotsa taminay avao, fa nandrehitsy afo ndrozy sady nampandroso anay iaby, noho ty ora kirotsaky noho ty nintsy. ³Fa lafa namory kata hazo noho nampipetsaky zay tamy ty afo ao Paoly, le menara niboaky noho ty hafana, sady nifehy tamy ty tanany. ⁴Lafa nahita azy biby nihanto tamy ty tanany iny eo terantany rey, le nifampiresaky ndrozy hozao: "Tena mpamono olo ze nilay naka an-driaky any lahilahy io, laha ty rariny le tsy tokony ho velo ie." ⁵Fa baka nanozongozo azy biby iny eo ho anay afo ie nefa tsy naratsy aza. ⁶Nandiny azy mba ho voa ty tazo ndra ho maty tampoky ndrozy. Fa lafa baka nanenty azy ela ndrozy sady nahita fa tsy nisy raha tsy mahazatsy nahazo azy, le niova hevitsy ndrozy sady nibola fa ie ro njanahary. ⁷Sady tamy ty toera mariny teo nisy tany ze an'i azy lahilzhy bey ty tanà iny rey, lahilahy kaihe hoe Poplio. Nandramby anay ie sady nanome hany anay tamy ty hasoam-panahy anay ty telo andro. ⁸Ty baba i Poplio le narary tazo noho fivalanan-dio. Lafa nana aminy any Paoly, le nivavaky ie, nampipetsaky ty tanany taminy eo, sady nanafaky azy. ⁹Tafara ty nitsanga zay, le namonjy azy iaby ty amby ty olo lako iaby ze narary tamy azy tanà iny eo sady afaky. ¹⁰Ty olo lako avao koa ro nanome voninahitsy anay tamy ty voninahitsy lako. Sady lafa nioma handeha hoantsambo zahay, le nanome anay ze nilanay ndrozy. ¹¹Afaky telo vola zahay le nandeha niondra tamy ty sambo ze nijano tamy azy tanà iny ao atanay ty nintsy, sambo i Aleksandria, misy "sarikam-ban'anjahanahary" aloha ty sambo eo. ¹²Sady lafa avy tamy azy tanà iny i Sirakosa zahay, le nipetsaky tanay ty telo andro ao. ¹³Niala baka eo zahay ro niantsambo kable niavy tamy ty tanà i Regioma any. Sady lafa afaky ndraik'andro le nisy tsioky niboaky baka antimo any, ka le ndroe andro zahay le niavy tamy ty tanà i Potioly ao. ¹⁴Tao ro nahitanay rahalahy ilany rey safy nanambara anay mba hijano hiaraky amin-drozy anay ty fito andro. Tamy ty alala zay ro niavianay ta Roma any. ¹⁵Baka eny rahalahy rey, tafara ty nandresean-drozy ty mikasiky anay, le avy nitsena anay zisiky amy ty tsena i Apio noho tsanom-bahiny telo rey. Lafa nahita rahalahy Paoly rey, le nisaotsy an-Janahary ie sady nahazo hery. ¹⁶Lafa nilitsy ta Roma ao zahay, le nahazo alala hiara-hiay amy maramila niemby azy rey Paoly. ¹⁷Sady lafa afaky herin'andro tafara zay le nampikaiky niaraky lahilahy ze mpotariky tamy Jiosy rey eo i Paoly. Lafa niaraky avy ndrozy, le nivola tamin-drozy ie hozao: "Rahalahy, ndra le tsy nanao raha raty tamy ty olo ndra ty fomba razantsika rey aza zaho, le namea ho voagadra ta Jerosalema any tan-tana ty Romana eo. ¹⁸Lafa baka nanontanontany ahy ndrozy, le naniry ty hanafaky ahy, safe tsy nisy antony tokony hanasazia ahy ho maty. ¹⁹Fa lafa nanohitsy ty fanirian-drozy ty Jiosy, le voatery zaho nampikaiky an'i Kaisara, ndra le tsy manahaky ty hoe nanday fanasazia hanohitsy ty fireneako aza. ²⁰Laha ty kaikiko, le, nangataky ty hahita anareo noho hiresaky aminareo zaho. Zay le noho ty fatokisan'Israely mikasiky ty hameheza ahy amy rojo toy." ²¹Bakeo le nivola taminy ndrozy hozao: "Tsy mbo naharamby taratasy mikasiky anao rey baka Jodia any zahay, ndra rahalahy avy noho nanesy raha raty mikasiky anao. ²²Fa teanay ho re aminao ty eritseritsinao mikasiky sekta zay, safe hainay fa raty laza eny iaby zay. ²³Lafa nitingy andro ho azy ndrozy, le lako vatany olo namonjy azy rey tamy ty tsano nivahianany any. Nampahay azy raharaha tamin-drozy iny ie, sady nitsanga vavolombelo mikasiky ty fanjakan-Janahary. Niezaky nadresy lahatsy androzy ty mikasiky an'i Jesosy ie, ndra tamy ty alala i Mosesy zay ndra tamy ty alala ty olo to-resaky, nanomboky maray ka le zisiky hariva. ²⁴Ty ilany ro resy lahatsy tamy raha ze voavola rey, laha tsy nino koa hafa rey. ²⁵Lafa tsy nifanaraky ndrozy, le nanjary tafara ty nanambara i Paoly safa raiky toy hozao: "Ty Fanahy Masy ro nivola soa razanareo rey tamy ty alala Isaia to-resaky. ²⁶Hoy ie hozao: 'Mandehana amy olo lako rey any sady volano hozao: "Amy ty fijanina ro handreseanareo, fa tsy hahatakatsy; sady amy ty fahita ro hahitanareo, fa tsy hahita. ²⁷Fa nihandoto ty fo olo rey, sady sarotsy amy ty sofin-drozy ty hahare, sady nanakipy ty masony ndrozy. Fa laha tsy zay le mety afaky hahita amy ty masony ndrozy, sady hahare amy ty sofiny, noho hahatakatsy amy ty fony ka le himpoly ndraiky, le hanafaky androzy zaho." ²⁸Laha zay, tokony ho hainareo fa famonjean-Janahary zay ro nalefa tamy Jentilisa rey, sady hijanjy rozy." ²⁹(Fanamariha amy ty farany ambany ty pejy eny: Asa 28: 29- Ty taratasy-lako ilany ro mana ty andininy. 29 hozao: "Lafa nivola raha rey ie, le nandesy ty Jiosy. Nisy fifamalea bevata tamin-drozy eo.") ³⁰Paoly ro niay tanay ty roa tao manondrotsy tamy ty tsanony nihofa manoka ao, sady nandramby ze oaby avy taminy ao ie. ³¹Nanambara ty fanjakan-Janahary ie sady nampianatsy raha mikasiky Tompo Jesosy Kristy rey tamy ty fahasakia iaby. Sady tsy nisy nisaka ie.

Romans

Chapter 1

¹Paoly, manompo i Jesosy Kristy, le voakaiky ho apostoly, sady voatoka ho mpitory ty filazantsaran-Janahary. ²To

azy folazantsara ze fa nampanantenany aloha tamy ty alala ty to-resaky tamy ty Soratsy Masy ao rey iny. ³Zay ro mikasiky ty Anakilahiny, ze teraky baka amy ty tariha i Davida manahaky ty nofotsy. ⁴Tamy ty fitsanga tamy maty, le voambara ho azy anaky maherin-Janahary iny tamy ty hery ty Fanahy ty fahamasina Ie_ le Jesosy Kristy Tompontsika. ⁵Tamy ty alalany ro nandrambesantsika fahasoava noho ty maha-apostoly amy ty fanenkea ty finoa amy ty firenea iaby eo, noho ty Anarany. ⁶Amy firenea rey, nareo avao koa ro voakaiky ho an'i Jesosy Kristy. ⁷Taratasy toy ro ho ahy ty iaby a-Roma ao, ze malalan-Janahary, ze voakaiky ho olo-masina. Ho aminareo lahy ty fahasoava, noho fiadana baka amin-Janahary Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo. ⁸lohany, isaorako ty Njanahariko amy ty alala i Jesosy Kristy noho ty aminareo iaby, safe ty finoanareo ro fa nambara mabera ty tany iaby toy. ⁹Fa Njanahary ro vavolombeloko, ze tompoiko amy ty fanahiko ao amy ty filazantsara ty Anany ao, fa tsy mijano miresaky anareo Aminy Zaho. ¹⁰Mangataky avao Zaho amy ty vavaky anoviko ty mba ahazoako amy ty fomba iaby manahaky ty sitsapon-Janahary mba ho avy aminareo. ¹¹Fa zaho ro maniry ty ahita anareo, mba afahako manome fanomezam-panahy sasantsasany ho ahy nareo, mba hampahery anareo. ¹²Zay, ro maniry Zaho ty mba hidankahereza anivontsika eto, amy ty alala ty finoa ty kirai-draiky iaby, ty anareo noho ty ahy. ¹³Amy zao tsy teako nareo tsy ahaiza, rahalahy, hoe matetiky zaho ro mana faniria hamonjy anareo, (nefa Zaho ro voasaka zisiky amy zao), mba hahazoa vokatsy aminareo eo, manahaky ty fa nahazoako ty amby ty Jentilisa rey avao kao. ¹⁴Zaho ro mpitsosa amy Grika noho vahiny rey, amy ty hendry noho adala. ¹⁵Laha zay, amiko, ro vonona avao koa zaho hitory ty filazantsara ho ahy nareo ze a-Roma any. ¹⁶Fa zaho ro tsy menatsy amy ty filazantsara, fa zay ro herin-Janahary ho famonjea iaby ze mino rey, ho ahy ty Jiosy aloha sady ho ahy ty Grika. ¹⁷Fa amy zay ro anehoa ty fahamarinan-Ja ahary baka amy ty finoa ho amy ty finoa, manahaky ze voasoratsy hozao: "Ty marina ro ho velo amy ty finoa." ¹⁸Fa ty helokin-Janahary ro naneho baka an-danitsy any manohitsy ty haratiam-panahay noho ty tsy fahamarina ty olo, ze manaka ty fahamarina amy ty alala ty tsy fahamarina. ¹⁹Zay safe ze hay mikasikin-Janahary ro hitan-drozy maso. Fa nihazavan-Janahary androzy. ²⁰endrikiny ze tsy hita maso rey, ze heriny tsy misy farany noho maha-Njanahary Azy rey, le hita nazava soa, nanomboky tamy ty famorona ty tany iaby toy, tamy raha ze niforony rey. Laha zay le tsy mana fialan-tsiny ndrozy. ²¹Zay safe, ndra fa nahay ty mikasikin-Janahary aza ndrozy, le tsy nanome voninahitsy amy ty maha Njanahary Azy, ndra koa nisaotsy Azy. Fa koa, lasa adala tan-tsainy ao ndrozy, sady nihamaika ty fo donton-drozy. ²²Ndrozy ro nivola androzy ho hendry, nefa le niha-nanjary adala. ²³Ty voninahitsin-Janahary tsy mety lo ro natakalon-drozy sarin'endrik'olombelo mety lo, voro, biby manan-tomboky efatsy, noho raha mikisaky rey. ²⁴Laha zay le namean-Janahary ho amy ty fila ty fongdrozy ho amy ty fahalotoa ndrozy, mba ho afaky-voninahitsy amin-drozy eo avao ty vatan-drozy. ²⁵Ndrozy ro nanakalo ty fahamarinan-Janahary tamy ty vandy, sady ze manompo noho manompo ty zava-boary fa tsy azy Nihary iny, ze tompoe zisiky farany. Ameny. ²⁶Laha zay, namean-Janahary ho amy ty filà-raty mamoaafady ndrozy, fa ampelan-drozy rey ro nanakalo fifandrambesa voajanahary rey tamy ze tsy voajanahary rey. ²⁷Manahaky zay koa, lahilahyrey miaraky amy ty ampela ka le nampirehety ty filà manahaky ty-nofotsy ho ahy ty ie samby ia. Rey ro lahilahy ze nanao fihetsaiky mahamenatsy miaraky amy ty lahilahy sady nandram y tamin-drozy ao ty sazy ze maeva androzy noho ty fahativativan-drozy. ²⁸Safe tsy nanenky ty hana an-Janahary amy ty fieretseretany ao ndrozy, le nameany say tsy maeva androzy, mba hananova raha ze tsy mety rey. ²⁹Ndrozy ro atsiky ty tsy fahamarina, faharatia, faniria, sady lolompo iaby. Ndrozy ro atsiky fialona, famonoa, fifamalea, fitaky, sady fikasa raty. ³⁰Ndrozy ro mpifosa, mpanendrikendriky, sady mpalay an-Janahary. Ndrozy ro mahery safe, miavo, sady mirengirengy. Ndrozy ro mpamoro raha-raty, sady ndrozy ro tsy manenky ty ray aman-dreniny. ³¹Ndrozy ro tsy mana fahaiza; ndrozy ro tsy azo atokisa, tsy misy fitiava voajanahary, sady tsy mamalo fo. ³²Hain-drozy ty lalàn-Janahary, fa ze manao raha manahaky zay ro maeva ty fahafatesa. Fa tsy raha rey avao ro nanoviny, fa manenky ze hafa manao reny koa rey.

Chapter 2

¹Laha zay le tsy mana fialan-tsiny iha, olo, iha ze mitsara, fa ze itsaranao ty hafa ro anasazia ty vatanao. Fa iha ze mitsara le manao rey avao koa. ²Nefa haintsika fa ty fitsaran-Janahary ro manahaky ty marina lafa lavo amy ze manao raha manahaky rey zay. ³Fa diniho zao, olo, iha ze mitsara ze manao raha manahaky rey ndra manao manahaky reny koa aza iha. Hiala ty fitsaran-Janahary va iha? ⁴Sa tsy isianao dikany ty hanana ty hasoam-panahiny, ty fandeferany, sady ty faharetany? Tsy hainao va fa ty hasoam-panahiny ro nanovy hitariky anao amy ty fibebaha? ⁵Fa zay ro ho amy ty habevata ty hahery noho tsy fibebaha ty fonareo ro amorianareo heloky ho ahy ty vatanareo amy ty andro heloky, zay ro, ty andro ty fanoroa ty fitsara marin-Janahary. ⁶Hamaly ty olo iaby amy ty raha mitovy any nanoviny rey Ie: ⁷hanome manahaky ty fahareta, ty asa soa mila reny, voninahitsy, ty tsy fahafatesa, fiaina zisiky farany Ie. ⁸Fa ho ahy ze mila ho ahy ty vatany rey, ze tsy manenky ty marina fa manenky tybtsy fahamarina, le ho avy ty heloky noho ty fasy. ⁹Njanahary ro handay fiahoria noho fijalea amy ty fanahy ty olo iaby ze nanao raty, amy Jiosy aloha, sady amy ty Grika avao koa. ¹⁰Fa reny, laza, sady fiadana ro ho avy amy ze manao ty soa rey, amy ty Jiosy aloha, sady amy ty Grika avao koa. ¹¹Fa tsy misy fiangara miaraky amin-Janahary. ¹²Fa ze iaby nanota tsy nana ty lalà ro ho tsobo tsy mana lalà avao koa, sady ze iaby nanota niaraky tamy ty fanaja ty lalà ro ho tsara manahaky ty lalà. ¹³Fa tsy mpahare ty lalà rey ro marina anilan-Janahary eo, fa ze mampihatsy ty lalà rey ro nihamariny. ¹⁴Fa Jentilisa, ze tsy mana ty lalà rey, lafa manao ty raha mikasiky ty lalà manahaky ty voajanahary, le ndrozy ro lalà ho ahy ty vatany, ndra le tsy mana ty lalà aza ndrozy. ¹⁵Amy zay ro anoroan-drozy fa ty asa angatahy ty lalà le voasoratsy am-pon-drozy ao. Ty fieretseretan-drozy avao koa ro vavolombelo ho androzy, sady ty fisaian-drozy manoka le ndra manasazy ndra miaro androzy amy ty vatan-drozy ¹⁶sady koa amin-Janahary. Zay ro hitsanga amy ty andro ze hitsaran-Janahary sekire ty olo iaby rey, manahaky ty filazantsarako, amy ty alala i Jesosy Kristy. ¹⁷Fa laha hohatsy ka le Jiosy ro hikaihanao ty vatanao sady mianky amy ty lalà noho mirengirengy amin-Janahary ao, ¹⁸sady mahay ty sitsapony noho mahay ze raha soa bibiky safe nampianary tamy ty lalà iha; ¹⁹sady laha hohatsy ka le resy lahatsy iha fa ty vatanao ro mpitariky ty jiky, fahazava ho ahy ze amy ty haiky rey ao, ²⁰mpanity ty adala, mpampianatsy ty aja kelikely, sady anananao amy ty lalà ao ty maeva ty fahaiza noho marina, le ino ro fiboaha zay amy ty fomba hiainanao ty fiaiananao? ²¹Sady iha ze mampianatsy ilany rey, tsy mampianatsy ty vatanao va iha? Iha ze mitory manohitsy ty halatsy, mangalatsy va iha? ²²Iha ze mivola fa tsy tokony haheriloha, maheriloha va iha? Iha ze malay ty sampy, mandrava egilizy rey va iha? ²³Iha ze faly mirengerengea amy ty lalà ao, mangala-baraka an-Janahary va iha amy fandikanao ty lalà io? ²⁴Fa "ty anaran-Janahary ro fa afa-baraka tamy Jentilisa rey eo noho nareo," manahaky ze fa voasoratsy. ²⁵Fa mahazo tombony amy ty fanavara vatany nareo laha hohatsy ka le manenky ty lalà, nareo, le avy tsy voasavatsy ndra ro fa voasavatsy aza nareo. ²⁶Manahaky zay, laha olo tsy voasavatsy ro miemby ze take ty lalà, tsy hanovy ho anay ty voasavatsy va ie ndra ro tsy voasavatsy aza? ²⁷Sady tsy ho helofa azy raiky ze tsy misavatsy ara-boajanahary iny va nareo laha hohatsy ka le miemby ty lala ie? Zay le mana ty lalà voasoratsy noho ty fanavara nareo, nefa mbo mandika ty lalà! ²⁸Fa ie ro tsy jiosy amy ty endriky ambaliky avao; ndra amy ty fanavarà ze miseho amy ty endriky ambaliky ty nofotsy avao. ²⁹Fa ie ro Jiosy anay ao, sady ty fanavara ze ahy ty fo, amy ty Fanahy ao, fa tsy amy ty soratsy ao. Ty fanompoa ty olo manahaky zay le tsy baka amy ty olo fa baka amin-Janahary.

Chapter 3

¹Ka ino moa zay ro tombon-tsoa anana ty Jiosy? Sady ino ro tombon-tsoa ty fanavara? ²Soa zay amy ty fomba iaby. Velohany bibike, Jiosy rey ro nananky ty fanambara baka amin-Janahary. ³Fa ino laha tsy nanam-pinoa Jiosy ilany rey? Ty tsy finoan-drozy va ro hahavy ty fatokisan-Janahary tsy ho tanteraky? ⁴Tsy hisy mihintsy lahy zay. Fa koa, engao ho hita fa marina Njanahary, ndra le mpavandy aza ty olo kir3. Manahaky ty voasoratsy hozao: "Hatoro amy ty safanareo fa olo-marina nareo, sady atoro lafa avy amy ty fitsara nareo." ⁵Fa laha hohatsy ty tsy fahamarinantsika ro manoro ty fahamarinan-Janahary, ino ro azontsika ambara? Afaky mivola va tsika fa tsy marina Njanahary amy ty famoahany ty helokiny amintsika, sa tsy zay? (Mampiasa lahatenin'olombelo zaho.) ⁶Tsy hisy mihintsy lahy zay! Safe amy ty fomba ino sady ro hitsaran-Janahary ty tany iaby toy? ⁷Fa laha hohatsy ty fahamarinan-Janahary ka le manome fanompoa lako ho Azy amy ty alala ty vandiko, le nanino sady zaho ro mbo tsara ho mpanota? ⁸Fa nanino ro tsy mivola, manahaky ty tatitsy diso ze volany fa volanintsika, sady koa manahaky ty fahary ty ilany fa nivonintsika hozao: "Engao zahay hanao raty, mba hiavia ty soa"? Rariny ty fitsara anovy amin-drozy ao. ⁹Ka le ino moa? Manome rariny ty vatantsika va tsika? Tsy zay mihintsy. Fa tsika ro fa nanasazy ty Jiosy noho ty Grika, ie iaby, ho mpanota. ¹⁰Zay ro manahaky ty voasoratsy hozao: "Tsy misy olo-marina, ndra le raiky aza. ¹¹Tsy misy ndra raiky aza mahay. Tsy misy ndra raiky aza mila an-Janahary. Nanjary nihataky iaby rozy iaby. ¹²Nanjary tsy misy ilàny azy rozy iaby. Tsy misy mba manao ty soa, tsy misy, ndra le raiky avao aza. ¹³Ty vozon-drozy ro lolo mivoha. Ty lelan-drozy ro mamitaky. Ty poizybibilava rey ro anabo ty sonin-drozy ao. ¹⁴Ty vavan-drozy ro atsiky ozo noho lolom-po. ¹⁵Ty tombon-drozy ro longo amy ty fandatsahan-dio. ¹⁶Ty fanimba noho ty fijalea ro amy ty lalan-drozy eny. ¹⁷Olo reny ro tsy nahay ty lala ty fiadana. ¹⁸Tsy mba misy tahotsy an-Janahary aloha ty mason-drozy eo." ¹⁹Amy zao le haintsika fa ndra ino ndra ino volany ty lalà, le miantefa amy ze ambany lala any rey. Zay ro mba hahavy ty vava ty kirai-draiky malaky, sady mba hahazo valiny baka amin-Janahary ty tany iaby toy. ²⁰Zay le safe tsy hisy nofotsy hohamariny amy ty asa ty lalà amasony eo. Fa amy ty alala ty lalà ro hiavia ty fahaiza ty fahota. ²¹Fa amy zao ro nampahay avao koa ty fahamarinan-Janahary tsy amy ty lalà. Niporofoe ty lalà noho to-resaky rey, ²²fa zaym ro fahamarinan-Janahary amy ty alala ty finoan' i Jesosy Kristy ho ahy ze iaby mino. Safe tsy misy fanavaha. ²³Fa nanota ty olo-iaby ka le tsy mana ty voninahitsin-Janahary, ²⁴sady ndrozy ro hamariny amy zao avao amy ty fahasoavany amy ty alala ty fanavota ze amy i Kristy Jesosy ao. ²⁵Fa Njanahary nanome an'i Kristy Jesosy ho fanomeza amy ty alala ty finoan' ty liony. Nameany ho porofo ty fahamarinany Kristy, noho ty tsy fanenteany ty ota taloha any ²⁶amy ty faharetany. Nitsanga iaby zay ho fampitoroa ty fahamrinany amy fotoa amy zao. Zay ro mba hafahany manaporofa fa marina ty vatany, sady mba hanoroa fa le ro manamarina ty iaby noho ty finoan' i Jesosy. ²⁷Aia sady zay ty firengirengy? Voafafa zay. Fa ino ro dikany? Amy ty asa va? Aha, fa noho ty finoan'. ²⁸Manapa-kevitsy zay tsika fa ty olo raiky ro hamarina amanahaky ty finoan' tsy misy asa ty lalà rey. ²⁹Sa Njanahary ty Jiosy reny avao va Njanahary? Moa va tsy Njanahary ty Jentilisa rey koa Ie? Eka, ahy ty Jentilisa koa. ³⁰Laha, raiky vatany Njanahary, le hohamarininy amy ty finoan' voasavatsy, sady tsy voasavatsy rey koa amy ty alala ty finoan'. ³¹Aravantsika amy ty alala ty finoan' moa va lalà zay? Tsy hisy mihintsy lahy zay! Fa koa, manenky ty lalà tsika.

Chapter 4

¹Ino moa ro ho volanintsika fa hita i Abrahama, babantsika taloha any manahaky ty nofotsy? ²Fa laha nihamariny tamy ty asa Abrahama, le nana dikany hirengerenge ie, nefa tsy anilan-Janahary eo. ³Fa ino ro ambara ty Soratsy Masy? "Abrahama ro nino an-Janahary, sady nisaina ho fahamarina zay." ⁴Sady ho ahy ze miasa, ty karamany le tsy hisahy ho fahasoava, fa hanahaky ze tsosa. ⁵Fa ho ahy ze tsy miasa koa nefa mino an'i Azy raiky ze manamarina ty mpanohitsg an-Janahary iny, le isahy ho fahamarina ty finoany. ⁶Davidava avao koa ro manono tsipirano amy ty olo ze isahin-Janahary ho marina nefa tsy miasa. ⁷Hoy ie hozao: "Sambatsy ze voaenga ty helokiny rey, sady koa ze voasaro ty fahotany rey. ⁸Sambatsy ze tsy hisahy ty Tompo heloky." ⁹Amy vitasavatsy rey avao va ro hanonona tsipi-rano zay, sa amy tsy vita savatsy rey koa? Fa hoy tsika hozao: "Ty finoa ro nisahy i Abrahama ho fahamarina." ¹⁰Ka le ino moa ro nanisaha zay? Tamy i Abrahama fa vita savatsy, sa tamy ie tsy mbo vitasavatsy? Tsy tamy ie fa vitasavatsy fa tamy ie mbo tsy vitasavatsy. ¹¹Abrahama ro nandramby ty fahaiza ty fanavara. Zay ro mariky ty fahamarina ty finoa ze fa nananany laha mbo tsy vosavatsy ie. Ty valy fahaiza zay ro nanjary baba ze mino iaby ie, ndra le mbo tsy vita savatsy aza ndrozy. Midika zay fa ty fahamarina ro ho hisahy ho androzy. ¹²Nidika koa zay fa Abrahama ro nanjary baba ty vitasavatsy tsy ho ahy ze vitasavatsy raiky rey avao fa ho ahy ze manoriky ty lia ty finoa i Abrahama babantsika rey avao koa taloha ty tsy mbo naha-vitasavatsy azy. ¹³Fa ty fampanantena tamy i Abrahama noho tarihany rey fa ho mpandova ty tany iaby toy ie le tsy baka amy ty alala ty lalà fa baka amy ty alala ty fahamarina ty finoa. ¹⁴Fa laha ze miay amy ty lalà rey ro mpandova, le ho rava ty finoa, sady tsy misy dikany ty fampanantena. ¹⁵Safe ty lily ro manday amy ty heloky, fa amy ze tsy misy lalà any, le tsy misy fandikan-dalà. ¹⁶Laha dikany zay le miseho amy ty finoa zay, mba hipetsaha ty fampanantena amy ty fahasoava sady ho azo antoky amy tariha i Abrahama iaby rey_ tsy ho ahy ze ambany ty lalà avao koa rey, fa ho ahy ze mizara ty finoa i Abrahama rey avao koa. Babantsika iaby ie, ¹⁷manahaky ty voasoratsy hozao: "Nanoviko ho baba ty firenea lako iha." Tamy ty famonjea Azy nitokiany ao Abrahama, le, Njanahary zay, ze manome fiaina maty rey sady mikaiky raha tsy mbo misy rey mba hisy. ¹⁸Ndra le teo aza raha-miseho ambaliky rey, le natoky tanteraky an-Janahary i Abrahama amy ty ho avy, Ka le nanjary baba ty firenea lako ie, manahaky ze fa voavola hozao: "Hanahaky zay ty tarihanao." ¹⁹Tsy nalemy tamy ty finoa ie. Hay i Abrahama fa tsy afaky ty hanan'anaky ie (safe fa tamy ty zato tao eo ie). Nanenky avao koa ie fa ty sarotso i Saraha ro tsy afaky ty handay tsoky sasy. ²⁰Nefa laha ty fampanantenan-Janahary, le tsy nisalasala tamy ty tsy finoa i Abrahama. Fa koa, niha-nahery tamy ty finoa ie sady nanompo an-Janahary. ²¹Resy lahatsy tanteraky ie fa ze nampanantenan-Janahary, ro afaky tanterahany avao koa. ²²Laha zay le nisahy ho azy ho fahamarina zay. ²³Sady le tsy nisoraty ho ahy ty tombontsoany raiky avao zay, fa nisahy ho azy zay. ²⁴Nisoraty ho antsik avao koa zay, ho ahy ze hanisaky zay, tsika ze mino Azy ze nananga an'i Jesosy Tompontosika tamy maty. ²⁵Ie Azy raiky nanome iny noho fahotantsika rey sady natsanga mba hanamarina antsika.

Chapter 5

¹Safe nihamariny tamy ty finoa tsika, le mana fiadana miaraky amin-Janahary amy ty alala ty tompontsika Jesosy Kristy. ²Amy ty alalany avao koa ro ananantsika lala amy ty finoa mana amy fahasoava ze itsanganantsika zay ao. Mifalefalea amy ty fatokisa amean-Janahary anay amy ty ho avy zahay, fatokisa ze ho zarantsika amy ty voninahitsin-Janahady ao. ³Tsy amy zay avao, fa tsika avao koa ro mifaly amy ty fahoriantika ao. Haintsika fa ty fahoria ro mamokatsy fahareta. ⁴Ty fahareta miteraky fanenkea, sady ty fanenkea miteraky fatokisa ho amy ty hoavy. ⁵Toky zay ro tsy mandiso fanantena, safe ty fitiavan-Janahary ro fa narotsaky tam-pontsika tamy ty alala ty Fanahy Masy ao, Ze namea antsika. ⁶Fa laha mbo nalemy tsika, le maty ara-potoa ho ahy ty raty fanahy Kristy. ⁷Fa soratsy ho ahy ty olo raiky ty ho amty ho ahy ty olo-marina. Fa, vasa mety misy olo raikg mahasaky ho mty ho ahy ty olo soa. ⁸Fa Njanahary manoro ty fitiavany manoka ho antsika, safe laha mbo mpanota tsika, le maty ho antsika Kristy. ⁹Mandilatsy noho zay aza, amy zao. lafa nihamariny tamy ty luony tsika, le ho voasarombaky zay amy tg helokin-Janahary. ¹⁰Fa laha, mbo fahavalo tsika, le nilongo tamin-Janahary tamy ty alala ty fahafatesa ty Anany, sady mandilatsy noho zay, lafa baka nampilongoe, le ho voasarombaky amy ty alala ty ainy tsika. ¹¹Sady tsy zay avao, fa tsika avao koa ro mifaly amin-Janahary ao amy ty alala i Tompontsika Jesosy Kristy, ze nahazoantsika filongoa zay amy zao. ¹²Laha zay mpa, manahaky ty nilira ty ota tamy ty olo raiky tamy ty ntany iaby toy, le manahaky zay koa ro nilira ty fahafatesa tamy ty alala ty ota. Sadu ty fahafatesa ro niparitaky tamy ty olo iaby, safe samby nanota iaby ty iaby. ¹³Zisiky-hisia ty lalà, le tamy ty tany iaby toy eto ty ota, fa tsy misy fanisaha-heloky tsy misy lalà. ¹⁴Nefa ndra zay aza, ty fahafatesa ro nanjaka nanomboky tamy i Adama ka le zisiky amy i Mosesy, ndra le tamy ze tsy nanota manahaky ty tsy fanenkea i Adama rey aza, ze tandindoha Azy ho avy iny. ¹⁵Nefa ndra zay aza, ty fanomeza ro tsy manahaky ty fahadisoa. Fa laha tamy ty alala ty fahadisoa ty raiky ro nahafaty ty lako, le mandilatsy lavitsy ro nanovy ty fahadoavan-Janahary noho ty fanomeza baka amy ty fahasoava Azy olo raiky iny, Jesosy Kristy, namea bevata ho ahy ty lako. ¹⁶Fa ty fanomeza ro tsy manahaky ty vokatsy baka amy azy raiky ze nanota iny. Fa amy ty lafiny raiky, avy ty fitsara ho fanasazia noho ty fahadisoa ty olo raiky. Fa amy ty lafiny raiky hafa, ty fanomeza miafara amy ty fanamariha ro avy tafara ty fahadisoa lako. ¹⁷Fa laha, tamy ty alala ty fahadisoa ty raiky, ro hanjaka ty fahafatesa amy ty raiky, le mandilatsy lavitsy noho zay ty hanjaka ze mandramby ty habey ty fahasoava rey noho ty fanomeza ty fahamarina amy ty alala ty fiaina azy raiky iny, le Jesosy Kristy. ¹⁸Laha zay moa, safe tamy ty alala ty fahadisoa ty raiky ro nahavy ty olo ho amy ty fanasazia, le amy ty alala ty asa ty fahamarina ty raiky avao koa ro hiavia ty fahamarina ty fiaina ho ahy ty olo iaby. ¹⁹Fa safe baka amy ty tsy fanenkea ty olo raiky ro nahavy ty lako ho mpanota, le amy ty alala ty fanenkea ty raiky avao koa ro hahavy ty lako ho marina. ²⁰Fa avy tamy zay ao ty lalà, mba ho bey ty fahadisoa. Nefa laha nihabevata ty fahota, le vo maiky nihabey ty fahasoava. ²¹Nitsanga zay mba, manahaky ty nanjaka ty fahota tamy ty fahafatesa, le manahaky zay koa ro hanjaka ty fahasoava amy ty alala ty fahamarina ho amy ty fiaina zisiky farany amy ty alala i Jesosy Kristy Tompontsika.

Chapter 6

¹Ino sady ro ho volanintsika? Tokony hanohy amy ty fahota va tsika mba hitombo ty fahasoava? ²Tsy hisy mihintsy lahy zay. Tsika ze maty ty amy ty ota, amy ty fomba ino moa ro mbo hiainatsika amy zay avao? ³Tsy hainareo va fa iaby nanovy batisa rey tamy i Kristy Jesosy ao ro nanovy batisa tamy ty fahafatesany ao? ⁴Ka le, voalevy, niaraky taminy tamy ty alala ty batisa ho amy ty fahafatesa tsika. Nitsanga zay mba hanahaky ty nampitsanaga an'i Kristy tamy maty tamy ty voninahitsy Njanahary, ro andehanantsika amy ty fiainam-baovao avao koa. ⁵Fa laha miharo Aminy amy ty endriky ty fahafatesany tsika, le hiharo amy ty fitsangany avao koa. ⁶Haintsika zay, fa ty vatanitsika taloha ro nifantsihy niaraky taminy, mba hamoteha ty vata ty ota. Nitsanga zay mba ho andevozy ty ota sasy tsika. ⁷Ie ze maty ro nambara fa marina sady afaky amy ty fahota. ⁸Fa laha maty niaraky tamy i Kristy tsika, le mino fa hiara-belo Aminy avao koa. ⁹Tsika ro mahay fa nitsanga tamy maty Kristy, sady tsy maty sasy Ie. Tsy manjaka Aminy sasy ty fahafatesa. ¹⁰Fa laha ty mikasiky ty fahafatesa ro maty noho ty amy ty fahota Ie, maty Indriaky avao ho ahy ty iaby Ie. Nefa, ty fiaina ze hiainany ro iainany ho an-Janahary. ¹¹Le manahaky zay, tsy maintsy midiniky ty vatanareo ho fa maty amy ty fahota avao koa nareo, fa velo ho an-Janahary amy i Kristy Jesosy ao. ¹²Laha zay ka enga hanjaka amy ty vatanareo ao mety maty ota mba hanarahanareo ty filà-raty. ¹³Ka amea ho ahy ty fahota ty rantsam-batanareo, ho fitiava ampiasa amy ty fahamarina. Fa amea ho an-Janahary ty vatanareo, manahaky ty nitsangana tamy ty maty ze velo amy zao. Sady ameo ho an-Janahary ty rantsam-batanareo mba ho fitaova ampiasa amy ty fahamarina. ¹⁴Ka enga hanjaka aminareo ty ota. Safe tsy ambany ty lalà nareo, fa ambany ty fahasoava. ¹⁵Ka le ino moa? Tokony hanota va tsika safe tsy ambany ty lalà, fa ambany ty fahasoava? ¹⁶Tsy hisy mihintsy lahy zay. Tsy hainareo va fa azy raiky ze anomezanareo ty vatanareo ho mpiasa ro azy raiky ze ho henkenareo iny, azy hany tsy maintsy henkenareo? Marina zay ndra mpiasa ty fahota ze mitariky amy ty fahafatesa any nareo, ndra mpiasa ty fanenkea ze mitariky amy ty fahamarina any. ¹⁷Fa isaora Njanahary! Safe fa mpiasa ty fahota nareo, nefa nenky tam-ponareo ao ty fomba fampianara ze namea anareo. ¹⁸Napotaky tamy ty ota nareo, sady nanovy mpiasa ty fahamarina. ¹⁹Mivola manahaky ty olo zaho noho ty falemy ty nofotsinareo. Safe vatany vo nanome ty ratsam-batanareo ho andevo ty falotoa noho ty raty nareo, le manahaky zay koa zao, amea ho andevo ty fahamarina ho amy ty fahamasina ty rantsam-batanareo. ²⁰Fa tamy nareo mbo ny andevo ty ota iny, le afaky tamy ty fahamarina. ²¹Amy zao, ino moa ro vokatsy azonareo amy raha ze mahamenatsy anareo amy zao rey? Safe ty vokatsy raha reny ro ty fahafatesa. ²²Fa amy zao lafa napotaky tamy ty ota nareo sady nanjary mpiasan-Janahady, le mamboly ty fahamasina. Ty vokatsy ro ty fiaina zisiky farany. ²³Fa ty tamby ty ota ro fahafatesa, fa ty fanomezan-Janahary koa le ty fiaina zisiky farany amy i Kristy Jesosy Tompontsika ao.

Chapter 7

¹Sa tsy hainareo, rahalahy e (safe miresaky amy ty olo mahay ty mikasiky ty lalà zaho), fa ty lalà ro mibeko ty olo raiky laha mbo velo koa ie?²Fa ty ampela ze manambaly ro voafehy ty lalà amy ty valiny laha mbo velo ie, fa laha maty azy valiny iny, le afaky amy ty lalà ty fanambalia ie. ³Laha zay, laha mbo velo ty valiny, laha hohatsy ka le miharo aminy lahilahy hafa ie, le ho kaihe hoe mpaheriloha ie. Fa laha maty valiny iny, le afaky amy ty lalà ie, ka le tsy maheriloha ie laha hohatsy ka le miharo aminy lahilahy hafa iny.⁴aha zay, rahalahy, le nanovy maty tamy ty lalà avao koa nareo tamy ty alala ty vata i Kristy. Nanovy zay mba hiharoanareo amy ty hafa, zay hoe, amin'Ia ze natsanga tamy maty, mba hafahantsika mamokatsy voa ho an-Janahary. ⁵Fa tamintsika tamy ty nofotsy ao, filà ty fahota rey, ze nihetsehy ty lalà, le niasa tamy rantsantsika rey mba hamokatsy voa ho ahy ty fahafatesa.⁶Fa amy zao le napotaky tamy ty lalà tsika. Maty tamy azy namehy antsika iny tsika. Zay ro mba hafahantsika manompo amy ty havaozam-panahy, fa tsy amy ty ha antitsy ty soratsy.⁷Ino sady ro ho volanintsika? Ty lalà mihintsy va ro fahota? Tsy hisy mihintsy lahy zay. Nefa, tsy ho nahay ty fahota mihintsy zaho, laha tsy tamy ty alala ty lalà zay. Fa tsy ho nahay ty faniria zaho laha tsy nivola ty lalà hozao: "Ka le maniry." ⁸Fa nangalaky vaha tamy ty lily ty fahota ka le nahavy ty faniria iaby amiko ato. Fa laha tsy misy lalà, le maty ty ota.⁹Fa ela zaho ro velo tsy nisy ty lalà, fa lafa avy ty lily, le velo ndraiky ty ota, ka le maty zaho. ¹⁰Ty lily ze tokony handaosa fiaina ro nivaliky ho fahacatesa ho ahy.¹¹Fa ty fahota ro nangalaky vaha tamy ty alala ty lily ka le namitaky ahy. Tamy ty alala ty lily ro namonoany ahy. ¹²Laha zay ty lalà le masy, sady ty lily ro masy, marina, sady soa. ¹³Kable moa va nivaliky fahafatesa ho ahy ze soa? Tsy hisy mihintsy lahy zay. Fa ty ota, mba hafahany hiboaky ho fahota amy ty alala ze soa, le nanday fahafatesa tamiko ato. Zay ro mba ho amy ty alala ty lily, ty fahota le mety hanjary tena fahota vatany. ¹⁴Fa haintsika fa ara-panahy ty lalà, fa zaho baka amy ty nofotsy. Fa navily ho ambany ty fanandevoza ty ota ao zaho. ¹⁵Fa ty raha anoviko, le tsy tena azoko soa. Safe ze teako anovy, le tsy anoviko, sady ze halako, le anoviko. ¹⁶Fa laha manao ze tsy teako zaho, le miharo hevitsy amy ty lalà fa soa ty lalà. ¹⁷Fa amy zao le tsy zaho sasy ro manao zay, fa ty fahota ze velo anaiko ato. ¹⁸Fa haiko fa amiko ato, ze amy ty nofotsiko ato, le tsy misy raha soa miay. Fa ty faniria ty soa ro amiko ato, fe tsy afaky-manao zay zaho. ¹⁹Fa ty soa zay ty teako ro tsy anoviko, fa ty raty zay tsy teako, ro anoviko. ²⁰Sady laha manao ze tsy teako anovy zaho, le tsy zaho sasy ro miasa zay, fa koa ty fahota ze miay amiko ato. ²¹Sady zaho ro nahita, ty fitsipiky amiko ato fa te hanao ze soa zaho, fe ty raty ro amiko ato zao. ²²Fa mifalefalea aky ty lalàn-Janahary ao zaho amy ty fanahy maha olo. ²³Nefa mahita fitsipiky raiky hafa amy ty mikasiky ty vatako ao zaho. Zay ro mialy amy fitsipiky vaovao zay an-tsaiko ao zay. Mitandraha ahy ho tea ty fitsipiky ty fahota ze amy ty mikasiky ty vatako ao zay.²⁴Olo-mijaly zaho! Ia ro hanafaky ahy amy vata ty fahafatesa toy? ²⁵Fa isaora Njanahary amy ty alala i Jesosy Kristy Tompontosika! Laha zay, zaho vatako ro manompo ty lalàn-Janahary amy ty saiko. Ndra le zay aza, le manompo ty fitsipiky ty fahota amy ty nofotsy zaho.

Chapter 8

¹laha zay le tsy misy fanasazia sasy amy zao ho ahy ze amy Kristy Jesosy ao. ²Fa ty fitsipiky ty Fanahy ty fiaina amy i Jesosy Kristy ao ro nanafaky ahy tamy ty fitsipiky ty fahota noho ty fahafatesa. ³Fa ze tsy afaky nanovy ty lalà noho ty fahalemea zay tamy ty nofotsy, le nanovin-Janahary. Nandefa ty Anakilahy toka le tamy ty endriky ty nofotsy atsiky fahota mba ho fanomeza ho ahy ty ota, sady nanasazy ty ota tamy ty nofotsy ao ie. ⁴Nanovy zay mba ho tanteraky amintsika ao ty raha take ty lalà, tsika ze mandeha tsy manahaky ty nofotsy, fa manahaky ty Fanahy. ⁵Ze miay manahaky ty nofotsy rey ro mifantoky amy raha ty nofotsy rey, fa ze velo manahaky ty Fanahy rey ro mifantoky amy raha ty Fanahy rey. ⁶Safe ty fisaina mipetsaky amy ty nofotsy ro fahafatesa, fa ty fisaina mipetsaky amy ty Fanahy koa ro fiaina noho fiadana. ⁷Ty fisaina mipetsaky amy ty nofotsy ro fandrafea anilan-Janahary eo, fa tsy mifanaraky amy ty lalan-Janahary zay, ro sady tsy hainy vasa ty manao zay. ⁸Ze amy ty nofotsy ao ro tsy afaky ty ho ankasitsahan-Janahary. ⁹Nefa, nareo ro tsy amy ty nofotsy ao fa amy ty Fanahy ao, laha marina fa miay aminareo ao ty Fanahin-Janahary. Fa laha misy olo tsy mana ty Fanahy i Kristy, ro tsy Azy ie. ¹⁰Laha aminareo ao Kristy, le maty noho ty fahota ty vata, fa tyfanahy ro velo noho ty fahamarina. ¹¹Laha ty Fanahy Azy nampitsanga an'i Jesosy tamy ty maty ro velo aminareo ao, le le ze nampitsanga an'i Kristy tamy ty maty ro hanome fiaina avao koa ho ahy ty vatanareo ze mety maty amy ty alala ty Fanahy, ze velo aminareo ao. ¹²Laha zay, rahalahy, le pitsosa tsika, fa tsy amy ty nofotsy ao mba hiay manahaky ty nofotsy. ¹³Fa laha miay manahaky ty nofotsy nareo, le ho maft, fa laha amy ty Fanahy ze amonoanareo ty asa ty vata, le ho velo nareo. ¹⁴Fa manahaky iaby voatariky ty Fanahin-Janahary rey, ndrozy ro anan-Janahary. ¹⁵Fa tsy nandramby ty fanahy ty fanandevoza ndraike nareo ka le hatahotsy. Fa koa, nandramby ty Fanahay ty fampitsangana-anaky nareo, ze hokaihikaihintsika hozao: "Aba, Njanahary ô!" ¹⁶Ty Fanahy mihintsy ro vavolombelo amy ty fanahintsika fa anan-Janahary tsika. ¹⁷Laha anaky tsika, le mpandova avao koa, mpandova an-Janahary. Sady mpiharo lova amy i Kristy ao tsika, laha tena mijaly miaraky Aminy vatany tsika le ameam-boninahitsy miaraky Aminy koa. ¹⁸Fa anoviko fa fijalea amy fotoa zao le tsy maeva ampitahie amy azy voninahitsy ze ho atoro amintsika iny. ¹⁹Fa ty voahary iaby ze manantena mare ro mandiny ty fampitoroa anan-Janahary rey. ²⁰Fa ty voahary ro anovy ho raha-avao, tsy noho ty sitsapony manoka, fa noho Azy nanao zay iny. Zay ro amy azy toky namea iny ao ²¹fa voahary rey mihintsy ro hala amy ty fanandevoza ty fahalovà, sady handay amy ty fahafaha any ty amy ty voninahitsy ty anan-Janahary zay. ²²Fa haintsika fa ty voahary iaby ro miaraky-sempotsy noho miaraky-miasa anay ty faharary ndra amy zao ao aza. ²³Tsy zay avao, fa ndra ty vatantsika aza, ze mana ty veloham-bokatsy ty Fanwhy_ ndra ty vatantsika aza le sempotsy anaontsika ao, mandiny ty fampitsanga antsika ho anaky, le ty fanavota ty vatantsika. ²⁴Fa tamy toky zay ro namonjea antsika. Fa ze atokisantsika fa hitsanga rle mbo tsy hita, fa ia ro mndiny am-patokisa ze fa hitany? ²⁵Fa laha matoky amy ze mbo tsy hitantsika tsika, le mandiny zay am-pahareta. ²⁶Manahaky zay koa, ty Fanahy ro manampy amy ty fahalementsika ao. Fa tsika tsy mahay ze vavaky tokony anovintsika, fa ty Fanahy mihintsy ro mifona ho antsika amy ty fisempora tsy hay volany. ²⁷Ie ze mandiniky ty fo ro mahay ty hevitsy ty Fanahy, safe le ro mifona ho ahy ty mpino manahaky ty sitsapon-Janahary. ²⁸Haintsika fa ho ahy ze tea an-Janahary rey, le miaraky ampiasany ho amy ty soa iaby ty raha iaby, ([Fanamariha: Laha tokony hoe "Miaraky ampiasany ho amy ty soa iaby ty raha iaby," le ty dikan-tsafa ilany taloha manao hozao: "Ty raha iaby ro miaraky miasa ho amy ty soa.") ho ahy ze voakaiky manahaky ty fandaharany rey. ²⁹Safe ze hainy aloha rey, ro nitondrooe aloha avao koa mba hitovy endriky amy ty Anany, mba ho anakilahy velohany anivo rahalahy lako rey eo ie. ³⁰Ze nitondrony aloha rey, le nikaihiny avao koa, Ze nikaihiny rey, le nihamarininy avao koa. Ze nihamarininy rey, le nameany voninahitsy avao koa. ³¹Ino sady ro tokony ho volanintsika miksiky raha rey? Laha mikasiky antsika Njanahary, ia ro mahatohatsy antsiky? ³²Ie ze tsy niaro ty Anakilahiny toka fa nanome Azy ho antsika iaby, ino ro tsy hanomezany antsika amy zao avao miaraky Aminy ty raha-iaby avao koa? ³³Ia ro handay sazy hanohitsy olo-voatingin-Janahary rey? Njanahary ro azy raiky ze manamarina zay iny. ³⁴Ia azy raiky hanameloky iny? Kristy ro azybraiky maty iny ho antsiky, sady mandilatsy zay, natsanga avao koa le. Manapaky miaraky amin-Janahary amy ty fipetsaham-boninahitsy eo le, sady le o azy mifona ho antsika iny. ³⁵Ia ro hanasaraky antsika amy ty fitiava i Kristy? Fahoria, sa fijalea, sa fanenjeha, sa hamosary, sa fitanjaha, sa loza, sa meso-bey? ³⁶Manahaky ty voasoratsy hozao: "Laha iha ro voavono androblava zahay. Nirambesy manahaky ty aondry ho vonoe zahay." ³⁷Anay raha iaby zay ao ro mandilatsy noho ty mpandresy zahay amy ty alala Azy raiky tea anay iny. ³⁸Fa resy lahatsy zaho fa ndra ty fahafatesa, ndra ty fiaina, ndra anjely rey, ndra fanjaka rey, ndra raha amy zao rey, ndra raha ho avy rey, ndra hery rey, ³⁹ndra ty abo, ndra ty laliky, ndra zavaboary hafa, le tsy hahasaraky anitsika amy ty fitiavan-Janahary, ze amy i Kristy Jesosy Tompontsika ao.

Chapter 9

¹Mivola ty marina amy i Kristy ao zaho. Tsy havandy zaho, sady ty eritseritsiko ro vavolombelo miaraky amiko amy ty Fanahy Masy ao, ²fa ho ahy le misy alahelo bevata sady fahoria tsy mijano am-poko ato. ³Fa afaky naniry zaho fa zaho vatako ro ho voahozo ka le hihtaky amy i Kristy noho ty amy rahalahiko rey, ze raiky karaza amiko rey manahaky ty nofotsiko. Ndrozy ro Israelita. ⁴Ndrozy ro mana fampitsangana, ty voninahitsy, fanenkea rey, ty fanomeza ty lalà, ty fanompoa an-Janahary, sady fampanantena rey. ⁵Ty androzy ro raza ze nahavy an'i Kristy rey hanjary nofotsy, le ze Njanahary anabo ty iaby. Ho tompoe ziaiky farany lahy Ie. Ameny. ⁶Fa tsy fotoa ze nampanantena i Njanahary rey. Fa tsy ze iaby baka Israely any ro tena an'Israely. ⁷Ndra tariha i Abrahama iaby rey ro tena anany. Fa: "Amy ty alalan'Isaka ro hikaiha tarihanao rey." ⁸Zay hoe, anany rey to nofotsy tsy anan-Janahary. Fa anaky ty fampanantena rey ro rambesy ho tariha. ⁹Fa manahaky zao ro safy ty fampanantena: "Amy foto zay le ho avy Zaho, sady hamea aja lahilahy Sahara." ¹⁰Tsy zay avao, fa bajeo koa Rebeka hanan'anaky amy ty lahilahy raiky, Isaka babantsika. ¹¹fa mbo tsy teraky iaby aja rey sady mbo tsy nana raha soa ndra raty, mba hanahaky ty tanjon-Janahary manahaky ty fitingina, tsy noho asa rey, fa noho Ie ze mikaiky. ¹²namabara ramy ty ampela hozao: "Ty zokiny ro hanompo ty zainy." ¹³Zay ro manahaky ze voasoratsy hozao: "Jakoba teako, fa Esao halako." ¹⁴Ino mpa ro ho volanintsika? Misy tsy fahamarina va miaraky amin-Janahary? ¹⁵Tsy nisy mihintsy lahy zay. Fa hoy Ie tamy i Mosesy hozao: "Hamalo fo amy ze teako hamaloza fo Zaho, sady hangoraky ze teako hangoraha rey Zaho." ¹⁶Laha zay moa, le tsy noho ie maniry zay, ndra noho ie zecmilay, fa noho Njanahary, ze nampitoro ty famalozam-po. ¹⁷Fa ty Soratsy nambara tamy i Farao hozao: "Fa noho dikany zay ro nanondrotako anao, mba hanoroako aminao ty heriko, sady mba hanambara ty anarako eran-tany." ¹⁸Laha zay, Njanahary le namalo fo amy ze teany, sady ze teany, noho hampahereziny fo. ¹⁹Bakeo hivola amiko nareo hozao: "Nanino ro mbo mahita tsiny avao Ie?" Fa ia ro mahatohitsy ty sitsapony?" ²⁰Mifanohitsy amy zay, ty lahilahy, ia moa iha ro mamaly manohitsy an-Janahary? Moa ze fa nivinavinany hovola amy ty mpamolavola zay hozao: "Nanino ro nanovinao manahaky zao zaho?" ²¹Moa ty mamboatsy valany tsy mana zo amy ty tanimanga ka le ty bongany raiky avao ro hanamboara fipetsaha amy ty andro voatoka, sady fipetsaha raiky hafa amy ty andavan'andro? ²²Ino laha Njanahary, ze te-hampitoro ty helokiny noho hampahay ty fahefany, ro niaritsy tamy fahareta fipetsaha ty heloky nomany ho amy ty fahasomba rey? ²³Ino laha nanoviny zay mba hampahay ty hanana ty voninahitsiny amy fipetsaha ty famalozam-po eo, ze fa nomany aloha ho amy ty voninahitsy? ²⁴Ino laha nanoviny ho antsika koa zay, ze nikaihy avao koa, tsy ho amy ty samby Jiosy avao eo, fa ho amy ty Jentilisa rey eo avao koa? ²⁵Manahaky ze nivolaniny tamy i Hosea ao avao koa hozao: "Hokaihiko hoe oloko ze tsy olo, sady hoe malalany azy tsy malala iny." ²⁶Bakeo le amy ze nivola tamin-drozy any hozao: "Tsy oloko nareo." any ro hikaihako androzy hozao: "anan-Janahary velo." ²⁷Isaia nikaiky mare ty amy ty Israely hozao: "Laha manahaky ty fasy amy ty riaky eny ty hisa ty anak'Israely, le ho voasarombaky ze sisa ambiny, ²⁸fa ty Tompo handay ty safany an-tany eto, atsiaky sady tsy ho ela." ²⁹Manahaky ty nibolany Isaia aloha hozao: "Laha ty Tompo tompo ty lako ro tsy nanenga tariha ho antsika, le hanahaky an'i Sodoma tsika, sady hanjary manahaky an'i Gomora." ³⁰Ino moa ro hovolanintsika? Fa Jentilisa rey, ze tsy nila ty fahamarina, ro nahazo ty fahamarina, ze fahamarina baka amy ty finoa. ³¹Fa Israely, ze nila ty lalà ty fahamarina, le tsy avy tamy zay. ³²Nanino moa? Safe ndrozy tsy nila zay tamy ty finoa, fa tamy ty asa. Neloky ty vato ty fihelofa ndrozy, ³³manahaky ze fa voasoratsy hozao: "Henteo, a-Ziona ao ro ametsahako ty vato ty fihelofa noho lafiam-bato ty fandikan-dalà. Ze mino zay ro tsy ho menatsy."

Chapter 10

¹Rahalahy, ty iry ty foko noho ty angatahiko amin-Janahary ho androzy, ke ty famonjea androzy. ²Fa mitsanga vavolombelo mikasiky androzy zaho fa mafana fo ho an-Janahary ndrozy, nefa tsy manahaky ty fahaiza. ³Fa tsy mahay ty fahamarinan-Janahary raiky, sady mila hampipetsaky ty fahamarinan-drozy manoka. Tsy manenky ty fahamarinan-Janahary ie raiky. ⁴Fa Kristy ro fahantanteraha ty lalà ho fahamarina ho ahy ze iaby mino. ⁵Fa Mosesy manoratsy mikaaiky ty fahamarina ze baka amy ty lalà hozao: "Ty olo ze manao ty fahamarina ty lalà le hiay amy fahamarina zay." ⁶Fa ty fahamarina ze baka amy ty finoa ro mivola hozao: "Ka mivola zao am-po ao hozao: 'Ia ro hikatsy an-danitsy any?' (zay ro, mampijotso an'i Kristy); ⁷sady ka mivola hozao: 'Ia ro hijotso amy ty laliky any?'" (zay ro, mampiakatsy an'i Kristy amy ty maty). ⁸Fa ino ro ambara zay? "Anilanao eo ty safa, ambavanao ao sady am-ponao ao." Zay ro safa ty finoa, ze nambaranay. ⁹Fa laha amy ty vavanao ro ekenao an'i Jesosy ho Tompo, sady mino amy ty fonao fa natsangan-Janahary tamy maty Ie, le ho vonje iha. ¹⁰Fa amy ty fo ro inoa ty olo ty fahamarina, sady amy ty vava ro anenkeny ty famonjea. ¹¹Fa hoy ty Soratsy Masy hozao: "Tsy ho menatsy ze iaby mino Azy." ¹²Fa tsy misy fahasambihafa amy ty Jiosy eo noho Grika. Fa Tompo raiky avao ro Tompo ty iqby, sady harem-pahasoava ho ahy ze iaby mikaiky Azy Ie. ¹³Fa ze iaby mikaiky ty anara ty Tompi ro ho vonje. ¹⁴Ino moa ro ahafahan-drozy mikaiky Azy ze tsy ninoany? Ino ro ahafahan-drozy mino Azy ze tsy ren-drozy? Ino robahafahan-drozy mahare laha tsy misy mpitory? ¹⁵Sady ino ro ahafahan-drozy mitory, laha tsy nisy naniraky? _Manahaky ty voasoratsy hozao: "Hentao ty hasoa ty tomboky ty manambara raha-soa ty filazantsara rey!" ¹⁶Nefa tsy ie iaby ro nijanjy ty filazantsara. Fa hoy Isaia hozao: " Tompo, ia ro nino ty hafatsinay?" ¹⁷Laha zay ty finoa ro baka amy ty fijanjina, sady ty fijnjina baka amy ty safa i Kristy. ¹⁸Fa hoy zaho hozao: "Moa va tsy nisy nhre ndrozy?" Eka, tena marina. "Ty feon-drozy ro fa niboky mameno ty tany, sady ty safan-drozy zisiky amy ty fara ty tany iaby toy any." ¹⁹Ankoatsy zay, hoy zaho hozao: "Moa va tsy nahay th Israely?" Tamy ty velohany Mosesy nivola hozao: "Hanoviko saropiaro any ze tsy firenea koa nareo. Amy ty firenea ze tsy misy fahaiza, hanoviko avy amy ty heloky nareo." ²⁰Sady tena mahasaky vatany Isaia lafa nivola ie hozao: " Hita ze tsy nila ahy rey zaho. Niboaky tamy ze tsy nanontany ahy ruey zaho." ²¹Fa hoy ie tamin'Israely hozao: "Tontolo ro nanatsorako ty tanako tamy ty olo tsy manenky noho militsy."

Chapter 11

¹Sady novola zaho, narian-Janahary va ty olony? Sanitsia lahy zay. Fa zaho avao koa ro Israelita, tariha i Abrahama, baka amy ty fokoa i Benjamina. ²Njanahary ro tsy nanary ty olony, ze fa hainy taloha eo. Tsy hainareo va ze voavola ty Soratsy Masy mikasiky an'i Elia, le azy fitorevany tamin-Janahary namaly an'Israely iny? hozao: ³Tompo, ndrozy le namono to-resakinao rey, namotiky ty alitaranao. Zaho raiky sisa tavela, sady manimbo ty aiko ndrozy. ⁴Fa ino ro valin-tsafa nambaran-Janahary azy? "Nanoka fito arivo lahilhy ho ahy ty vatako Zaho ze tsy nandohaliky tamy ty Bela eo." ⁵Le manahaky zay, amy zao avao koa ro misy sisa avao noho ty fitingina amy ty fahasoava. ⁶Fa laha baka amy ty fahasoava zay, le tsy baka amy ty asa sasy. Fa laha zay tsy fahasoava sasy ty fahasoava. (Fahamarina: Ty taratasy-lako ilany taloha le mamaky hozao: Nefa laha baka amy ty asa zay rey, le tsy fahasoava sasy; fa laha zay le tsy asa sasy ty asa.") ⁷Ino moa? Ty raga ze nilan'Israely, le tsy azony, fa ty voatingy ro nahazo zay, sady nampaherezy ambiny rey. ⁸Zay ro manahaky ty fa voasoratsy hozao: " Njanahary ro nanome androzy ty fanahy ty fitavongovongo, maso mba tsy hahitan-drozy, sady sofy mba tsy haharezan-drozy, zisiky androany." ⁹Sady hoy i Davida hozao: "Engao ty latabatsiny ho harato noho fandriky, ho vato maminga noho valifaty ho androzy. ¹⁰Engao ty mason-drozy hanovy maiky mba tsy hahita, sady engao hiondriky zisiky farany ty mason-drozy." ¹¹Le hoy zaho zaho: " Moa va meloky rey mba ho lavo?" Sanatsia lahy zay. Fa koa, baka amy ty fahalavoan-drozy, ro nahavy ty famonjea tamy ty Jentilisa rey, mba hampialona androzy. ¹²Sady laha fahavalon-drozy ro hanana ty tany iaby toy, sady laha ty fahatsoboan-drozy ro hana ty Jentilisa rey, le manao ino ty habevata ty fahantanterahan-drozy? ¹³Fa amy zao le miresaky aminareo Jentilisa zaho, sady laha mbo apostoly Jentilisa rey zaho, le mankasitsaky ty fanompoako. ¹⁴Vasa ampialona ze baka amy ty nofotsiko manoka rey zaho. Vasa hamonjy ty ilany amin-drozy tsika. ¹⁵Fa laha midika fampilongoa ty tany iaby toy ty fandava androzy, le ino ro handrambesa androzy zay fa fiaina baka amy ty fahafatesa? ¹⁶Laha voatoka ty vokatsy velohany, le ty antsasany amy ty kobam-bary koa. Laha voatoka ty fotony, le manahaky zay avao koa rantsany rey. ¹⁷Fa laha nitapahiny ty rantsa ilany, sady laha iha, sampa olivadia, ro naharo tamin-drozy eo, sady laha nifampizara tamin-drozy ty foto-mamokatsy ty hazo oliva iha, ¹⁸ka mirengirengy amy sampa rey. Fa laha mirengirengy iha, le tsy iha ro manday ty fitony, fa ty fotony ro manaday anao. ¹⁹Le hivola iha hozao: "Nitapahy hiala rantsa rey mba hafahako mifandramby aminy." ²⁰Marina zay. Noho ty tsy finoan-drozy ro nitapaha hiala ndrozy, fa nareo ro mitsanga soa nohp ty finoanareo. Ka manao ty vatanareo ho anabo, fa matotsy. ²¹Fa laha ty tena sampa aza tsy nengan-Janahary, le tsy hengany avao koa iha. ²²Sady, Henteo, ty fahamoram-po noho ty fahasaro-pon-Janahary. Andaniny eroy, ty fahasora-po ro avy amy Jiosy rey ze lavo. Fa anilany eroy koa, ty hasoam-panahin-Janahary ro avy aminareo, laha ela amy ty hasoam-panahiny ao nareo. Fa laha tsy zay le hp tapaha koa nareo. ²³Sady ndra raiky aza, laha tsy manohy amy ty tsy finoany ndrozy, le haharo. Fa Njanahary ro afaky mampimpoly manambara androzy ndraiky. ²⁴Fa laha nitapaha tamy ty hazo oliva-li nareo, ka le naaharo tamy ty hazo oliva soa, le manahaky ty ino ty fandilatsy ty halakoa Jiosy rey, ze sampa voajanahary, naharo tamy ty hazo olivan-drozy manoka? ²⁵Fa tsy teako tsy hahay anareo, rahalahy, ty amy raha-tsy hita zay, mba tsy haha-hendry anareo amy ty eritseritsinareo manoka. Raha-tsy hita zay ro fa nampahery loha ty antsasany amin'Israely, zisiky-iavia ty fanatseha Jentilisa rey. ²⁶Laha zay le ho vonje iaby ty Israely iaby, manahaky ty voasoratsy hozao: "Hiboaky baka Ziona any ty mpanafaky. Hangalaky ty haratiam-panahy amy i Jakoba Ie, ²⁷sady zay ro ho fanenkem-pilongoako amin-drozy, lafa hangalaky ty fahotan-drozy Zaho." ²⁸Amy ty lafiny raiky mikasiky ty filazantsara, le fahavalo ndrozy noho ty aminareo. Amy ty lafiny raiky hafa manahaky ty tsan-Janahary, le malala ndrozy noho razana rey. ²⁹Fa fanomezana noho kaihin-Janahary rey ro tsy miova. ³⁰Fa nareo ro tsy nanenky an-Janahary fa ela, nefa amy zao nareo le nandramby ty famalozam-po noho ty tsy fanenken-drozy. ³¹Manahaky zay avao koa, amy zao Jioist rey ro tsy nanenky, Ty vokatsiny le tamy ty alala ty famalozam-po ze natoro anareo ro mety handrambesan-drozy ty famalozam-po qvao koa amy zao. ³²Fa Njanahary fa nanily ty tsy fanenkea iaby, mba afahany mampitolo famalozam-po amy ty iaby. ³³Henteo, ty halaliky ty hanana ty fahendrea rey noho fahaizan-Janahary! Tsy takitsy ty say fitsarany rey, sady lalany rey ro tsy hay metary! ³⁴Fa ia ro nahay ty diny ty tompo ndra ia ro avy ho mpanome-say Azy? ³⁵Ndra zay aza ro nanome raha an-Janahary aloha, ka le tsy maintsy hanonrperan-Janahary azy ndraiky?" ³⁶Fa baka Aminy noho amy ty alalany sady ho Azy ty raha iaby. Ho Azy zisiky farany ty voninahitsy. Ameny.

Chapter 12

¹Mangataky anareo zaho noho zay, rahalahy, noho famalozam-pon-Jakary, mba hanome ty vatanareo ho soro velo, masy, enken-Janahary. Zay ro fanompoanareo manahaky ty tokony ho ie. ²Ka mitovy amy ty tany iaby toy, fa miovà amy ty fanavaoza ty sainareo. Anovy zao mba ho hainareo zay soa, azo enkena, sady ty sitsapo lafatsin-Janahary. ³Fa ambarako, noho ty fahasoava ze namea ahy, ty twy tokony hanana ty iaby ze aminareo eo eritseritsy hananabo ty vatany mandilatsy ze tokony ho eretseretiny. Fa koa, tokony hieritseritsy am-pahendrea ndrozy, manahaky ty nanomezan-Janahary finoa ty kirai-draiky iaby. ⁴Fa mana rantsa lako amy ty vatantsika tsika, nefa tsy mitovy iaby ty asa rantsa rey. ⁵Mitovy amy zay, tsika ze lako mare le vatany raiky avao amy i Kristy ao, sady rantsa manoka amy ty kirai-draiky. ⁶Mana fanomezam-pahasoava samby hafa tsika manahaky ty fahasoava ze namea antsika. Laha hato-resaky ro fanomezam-pahasoava ty raiky, le engao anovy manahaky ty habevata ty finoany. ⁷Laha fanompoa ro fanomezam-pahasoava ty raiky, le engao ie hanompo. Laha nisy raiky nahazo fanomezam-pasoava hampianatsy, engao ie hampianatsy. ⁸Laha fampahereza ro fanomezam-pahasoava ty raiky, engao ie hampahery. Laha manome le fanomezam-pahasoava ty raiky, engao ie hanao zay am-pahalala-tana. Laha hitariky ro fanomezam-pahasoava ty raiky, engao zay ho vita am-pitandrema. Laha hampiseho fangoram-po ro fanomezam-pahasoava ty raiky, engao zay ho vita am-pifalefalea. ⁹Engao ty fitiava tsy hisy fihatsaram-belatsihy. Hejeno ty raty; tandraho mare ze soa. ¹⁰Laha ty mikasiky ty fitiava ty mpirahalalahy, mifankatea aminareo kirai-draiky iaby, Laha ty mikasiky ty fanomezam-boninahitsy iaby. Laha ty mikasiky ty fanomezam-boninahitwy, mifanajà. ¹¹Laha ty mikasiky ty fikiriza, ka misalasala. Laha ty mikasiky ty Fanahy, engao hafana fo. Mikasiky ty Tompo, tompoe Ie. ¹²Mifalea amy ty fatokisa ao ze hanananao mikasiky ty ho avy. Mahareta amy olonao rey. Mivavaha zisiky any. ¹³Mifampizara amy ze ila ty mpino. Mila fomba lako hampiatsanoenao olo. ¹⁴Misaora ze manenjiky anao rey; misaora sady ka manozo. ¹⁵Miaraha-mifaly amy ze mifaly rey; miaraha-mitany amy ze mitany rey. ¹⁶Mitovia fisaina amy ty kirai-draiky. Ka misaina amy ty fomba mirengirengy, fa enkeo olo ambany rey. Ka midiniky ty vatanao ho hendry. ¹⁷Ka mamaly raty ty raty. Mananova raha soa lako amaso ty olo iaby eo. ¹⁸Laha mety, manahaky ze azonao anovy, milongoa amy ty olo iaby. ¹⁹Ka mamaly raty ty vatanareo, malala, fa ameo lala ty heloky Njanahary. Fa voasoratsy hozao: "Ahy ty vali-faty; Zaho ro hamaly, hoy ty Tompo." ²⁰Fa laha mosary ty fahavalonao, ameo hany ie. Laha te hino ie, ameo hinomy ie. Fa laha manao zay iha." ²¹Ka mety ho resy ty raty, fa reseo amy ty soa ty raty.

Chapter 13

¹Engao fanahy iaby hanenky manam-pahefa anabo rey, fa tsy misy fahefa laha tsy baka amin-Janahary. Sady laha tsy baka amin-Janahary. Sady manam-pahefa rey misy le fa voatondron-Janahary. ²Laha zay ze manohitsy fahefa zay le manohitsy ty lilin-Janahary; sady ze manohitsy zay le hahazo fitsara amy ty vatan-drozy. ³afe mpanapaky rey ro tsy fampitahira ho ahy ty asa soa rey, fa ho ahy ty asa raty rey. Maniry ty tsy hatahotsy ty raiky amy ty fahefa ao va nareo? Mananova ty soa, le ho tompoe amy zay iha. Fa ⁴ie ro mpiasan-Janahary ho ahy nareo amy th soa. Fa laha manao ty raty nareo, le matahora, safe tsy manday ty neso-bey tsy amy ty dikany ie. Fa ie ro mpiasan-Janahary, mpamaly ty heloky amy azy manao ty raty, ⁵Laha zay le tokony hanenky nareo, tsy noho ty heloky avao, fa laha ty fieretsereta avao koa. ⁶Laha zay le mandoa haba avao koa nareo. Fa mpiasan-Janahary manam-pahefa rey, ze miantoky raha zay tsy to. ⁷Aloavo amy ty Kirai-draiky ze tokony ho androzy: mandoava haba amy ze tokony handoava azy; mandoava fadin-tserana amy ze tokony handoava azy; matahora an'i ze tokony hatahora; manajà an'i ze maeva zay. ⁸Ka mana tsosa ndra amin'ia ndra amin'ia, hafa-tsy ty fifankatiava avao. Fa ze tea ty miodidy azy le nahantanteraky ty lalà: ⁹Lako lily rey: "Ka mangala-balin'olo, ka mamono olo, ka mangalatsy, ka maniry," sady laha misy lily hafa ankoatsy rey koa, le voafehy amy fehezan-tsafany toy zay: "Tiavo ty namanan manahaky ty vatanareo." ¹⁰Ty fitiava ro tsy mandratsy ty miodidy; laha zay, ty fitiava ro fahatanteraha ty lalà. ¹¹Laha zay, hainareo ty fotoa, fa fotoa hifohazanareo amy ty roro sahady zao. Fa amy zao fa manariny noho ze ninoantsika tamy ty velohany ty fanavota antsika. ¹²Mandeha avao ty haly, sady manariny ty andro. Laha zay andao haria asa ty maiky rey, sady andao tsika hisalotsy ty fiadana ty fahazava. ¹³Nadao hahity amy ty lala mahity, manahaky ty amy ty andro, fa tsy manahaky ty amy ty andro, fa tsy manahaky ty amy ty fifalefalea tsy am-pahahendrea ndra koa ty fahamamoa; sady andao tsy handeha amy ty fahativativa ndra amy ty filà tsy voafehy, sady tsy ho amy ty fifanohera ndra fialona. ¹⁴Fa misalora an'i Jesosy Kristy Tompo, sady ka manome hirika ho ahy ty nofotsy, mba hanomeza fahafaham-po ty filàny.

Chapter 14

¹Rambeso ndra ze iaby malemy amy ty finoa, ka mitsara mikasiky ty tohan-kevitsy. ²Ty olo raiky ro mana finoa hihina ndra ino ndra ino, fa ty raiky hafa ze malemy ro tsy mihina hafa-tsy legioma. ³Engao ze mihona ty raha-iaby tsy handraty ze tsy mihina ty iaby; sady ze tsy mihina ty raha-iaby koa tsy hitsara ze hafa mihina ty iaby. Fa Njanahary fa nanenky azy. ⁴Ie moa iha, iha ze mitsara ty mpiasan'olo-hafa? Anila ty tompony eo ie ro mitsanga ndra milavo. Fa hatsanga ie, safe ty Tompo ro afaky mampitsanga azy. ⁵Ty olo raiky ro midiniky fa misy ty andro soa noho ty iaby. Ty hafa koa ro midiniky fa mitovy ty andro iaby. Engao ty kirai-draiky ho resy lahatsy manahaky ty say iaby. ⁶Ze mandiniky ty andro, ro mandiniky zay ho ahy ty Tompo; sady ze mihina, ro mihina ho ahy ty Tompo, fa misaotsy an-Janahary ie. Ze tsy mihina, ro mifaly hany ho ahy ty Tompo, ie avao koa ro misaotsy an-Janahary. ⁷Fa tsy miay ho ahy ty vatany tsika, sady tsy misy maty ho ahy ty vatany. ⁸Fa laha miay tsika, le miay ho ahy ty Tompo, sady laha maty tsika, le maty ho ahy ty Tompo. Manahaky zay ndra velo tsika ndra maty, le ahy ty Tompo. ⁹Fa ho amy antony zay ro nahafatesa i Kristy sady nahavelo azy ndraiky, mba hahavy Azy ho sady Tompo ty maty ro Tompo ty velo. ¹⁰Ha iha, nanino iha ro mitsara ty rahalahinao? Sady iha, nanino iha ro malay ty rahalahinao? Fa tsika iaby ro mbo hitsanga ho tsara anila ty seza fipetsahan-Janahary eo. ¹¹Fa voasoratsy hozao: "Laha mbo velo koa Zaho," hoy ty Tompo, "le hiforitsy anilako eo ty ongotsy iaby, sady ty lela iaby ro hanompk an-Janahady." ¹²Laha zay moa, tsika kirai-draiky iaby le hanao tatitsy ty vatany amin-Janahary eo. ¹³Ka le, engao tsika tsy hifampitsara sasy, fa koa hanapaky zao, mba tsy hisy hampipetsaky vato mampeloky ndra fandriky ho ahy ty rahalahiny. ¹⁴Mahay zaho sady resy lahatsy amy th Tompo Jesosy ao, fa tsy misy tsy malio amy ty vatany. Fa ho ahy ze mandramby nandr ino ndra ino ho tsy malio avao, le tsy malio zay ho azy. ¹⁵Safe laha malahelo noho ty amy ty hany ty rahaahinao, le tsy mandeha am-pitiava sasy iha. Ka simba noho ty amy ty haninareo ze nafaizako i Kristy ty ainy rey. ¹⁶Ka le ka manenga ze dinihinao ho soa ho haratia. ¹⁷Fa ty fanjakan-Janahary ro tsy mikasiky ty hany noho rano inomy, fa mikasiky ty fahamarina, fiadana, sady fifalea amy ty fanahy Masy ao. ¹⁸Fa ze manompo an'i Kristy manahaky zay ro ankasitsahin-Janahary noho enke ty olo. ¹⁹Laha zay, engao tsika hanohy raha rey ty fiadana noho raha ze mamboatsy ty kirai-draiky iaby rey. ²⁰Ka simba noho ty amy ty hany ty asan-Janahary. Malio vatany ty raha iaby, fa raty ho ahy ty olo ze mihina azy sady mahavy azy ho heloky. ²¹Soa ty tsy mihinan-kena, ndra mino divay, ndra ty raha iaby ze mety hampeloky ty rahalahinao. ²²Ty finoa anananao, hajarao aminao ao noho Njanahary. Sambatsy ze tsy manasazy ty vatany amy ze enkeny. ²³Ze misalasala ro meloky laha mihina, safe tsy tamy ty finoa zay. Sady ndra ino ndra ino tsy baka amy ty finoa ro fahota.

Chapter 15

¹Sady tsika ze matanjaky ro tokony handefitsy ty fahalemea ty malemy, sady tsy tokony hanao ze mahateatea ty vatantsika. ²Engao ty Kirai-draiky baka amintsika hanao ze mahafaly ty mpiara-belo aminy fa zay ro soa. mba hanondrota azy. ³Fa ndra Kristy aza tsy nanao ze nahateatea ty vatany. Fa koa, zay ro manahaky ty fa voasoratsy hozao: "Ty fandratiandratia ze mandratiraty rey anao ro nahazo amiko." ⁴Fa ndra ino ndra ino voasoratsy taloha eo ro voasoratsy ho fampianara antsika, mba amy ty alala ty fahareta noho amy ty alala ty fampahereza ty Soratsy Masy ro hananantsika toky. ⁵Sady tu Njanahary ty fahareta noho fampahereza lahy hanome fisaina mitovy ho ahy ty kirai-draiky iaby manahaky an'i Kristy Jesosy. ⁶Te lahy anao zay mba ho amy ty fisaina raiky noho amy ty vava raiky avao ro hanompoanateo an-Janahary noho Rain'i Tompontosika Jesosy Kristy. ⁷Laha zay mifandrambesa, manahaky ty nandrambesa i Kristy anareo avao koa aza, ho fanompoan-Janahary. ⁸Fa volaniko fa Kristy ro fa nanjary mpiasa ty vitasavatsyho ahy ty fahamarinan-Janahary, mba hahafaha manamarina fampanantena ze namea njanahary rey, ⁹sady ho ahy ty Jentilisa rey mba hanomezam-bininahitsy an-Janahary noho ty famalozam-pony. Zay ro manahaky ty fa voasoratsy hozao: "Laha zay le hanome fanompoa Anao amy Jentilisa rey eo Zaho sady hihira fanompoa ty anaranao." ¹⁰Mbo voavola zisiky any hozao: "Mifalefalea, miaraky amy ty olo lakony, Jentilisa. " ¹¹Sady koa hozao: "Tompoe ty tompo, Jentilisa iaby; engao ty olo iaby hanompo Azy." ¹²Hoy ndraiky, Isaiavhoza: "Hisy foto ty Hese, sady azy raiky ze hitsanga hanapaky amy ty Jentilisa eo. Hana fahatokisa aminy Jentilisa rey." ¹³Sady ty Njanahary ty fatokisa lahy hanatsiky anareo amy ty fifalea noho fiadana iaby amy ty finoa, mba ho atsiky fatokisa nareo, baka amy ty hery ty Fanahy Masy. ¹⁴Ty vatako zao avao koa ro resy lahatsy ty miakasiky anareo, rahalahy e. Resy lahatsy zaho fa nareo avao koa ro atsiky hasoa, atsiky ty fahaiza iaby. Resy lahatsy zaho fa nareo avao koa ro afaky mifanatsatsy. ¹⁵Fa manoratsy am-pahasakia aminareo zaho mikasiky raha ilany rey mba hampitiarovy anareo ndraiky, noho ty fanomezam-pahasoava ze namean-Janahary ahy. ¹⁶Fanomezam-Pahasoava zay ro ty tokony mba hanompoako an'i Kristy Jesosy nalefa ta Jentilisa any, mba hanome manahaky ty soro ty filazan-tsaran-Janahary. Tokony hanoviko zay mba ho azo enkea ty fanomeza Jentilisa rey, voatoka ty Fanahy Masy. ¹⁷Laha zay ty hafaleako ro amy i Kristy Jesosy ao noho rahan-Janahary rey. ¹⁸Fa tsy hahasaky hiresaky ndra ino ndra ino hafa-tsy raha vita i Kristy tamy ty alalako rey ho ahy ty fankayoaca Jentilisa rey zaho. Raha rey ro vita tamy ty safa noho asa, ¹⁹tamy ty hery fahaiza noho hatsereha rey, sady tamy ty hery ty Fanahy Masy. Zay ro mba baka Jerosalema any, noho lavidavitsy manahaky ty filazantsara i Kristy. ²⁰Amy zay, ty faniriako le ty hitory ty filazantsara, fa tsy amy ze ahaiza an'i Kristy any amy ty anara, mba tsy hanoherako amy zay eo fa namboarako ty hafa. ²¹Zay ro manahaky ty voasoratsy hozao: "Tamy ze tsy nivola rey Azy ro hahita Azy, sady ze tsy nahare rey ro hahazo." ²²Laha zay avao koa le voasoratsy san'andro tsy ho aminareo any zaho. ²³Fa amy zay, tsy mana toera amy faritsy sasy Zaho rey, sady tao lako ro fa naniriako mare ho aminareo any. ²⁴Laha zay ndra ombia ndra ombia andehanako a-Espana any, le manantena zaho ty hahita anareo lafa mandalo, sady haterinareo amy ty andehanako any, lafa baka mankafy ty fiarahanareo tsy ela tsy ela Zaho. ²⁵Fa amy zao ho a-Jerosalema any Zaho hanompo mpino rey. ²⁶Fa fifalea i Makedonia noho Akaia ty hanao fandrambesa anjara ho ahy mijaly rey hisa mpino rey ze a-Jerosalema any. ²⁷Eka, fifalea ho androzy zay, sady, mpitsosa aminy vatany ndrozy. Fa laha ty Jentilisa ro nizara tamy ty raha masin-drozy, le tokony hanompo androzy avao koa ndrozy amy raha ara-materialy rey. ²⁸Laha zay, lafa nitanterahako asa zao sady nampaherezy fa azon-drozy tu vokatsy ze navory, le ho a-Espaina any zaho sady hamangy anareo amy ty lalako. ²⁹Haiko fa lafa mana aminareo any zaho le hilitry amy ty fahatseha ty fitahia i Kristy. ³⁰Amy zao mampandrisiky anareo zaho, rahalahy e, amy ty Jesosy Kristy Tompontosika, noho amy ty firiava ty Fanahy, mba hiadaky hialy amiko nareo amy ty vavaky anovinareo amin-Janahary ho ahy. ³¹Mivavaha mba ho avotsy amy ze tsy manenky any Joda rey zaho, sady mba ho enke ty mpino rey ty fanompoako ho an'i Jerosalema. ³²Mivavaha mba hiaviako aminareo ankafalea amy ty sitsapon-Janahady, sady mba hafahako, mahita fitsara, miaraky aminareo. ³³Njanahary ty fiadana lahy hitahy anareo iaby. Ameny.

Chapter 16

¹Ankiniko aminareo i Foiby anabavintsika, ze mpiasa ty egilizy a-Kenkrea any, ²mba handrambesanareo azy amy ty Tompo ao. Anovo zay amy ty fomba maeva mpino rey, sady mamonjea azy amy olo mety hilany zay ty fanampeanareo. Fa ie vatany avao koa ro nanjary mpanampy ty lako, sady ty vatako avao koa. ³Mananova veloma an'i Prisila noho Akoila, mpiaara-miasa amiko amy i Kristy Jesosy ao, ⁴ze nahafoy ty ain-drozy ho ahy ty aiko. Misaotsy androzy zaho, sady tsy zaho avao, fa egilizy iaby ty Jentilisa avao koa. ⁵Mananova veloma amy i Epaineto malalako any, ze veloham-bokatsy i Asia ho an'i Kristy. ⁶Manaoa veloma an'i Maria, ze niasa mare ho ahy nareo. ⁷Manaoa veloma an'i Androniko noho Jonia, longoko mariny, sady niaraky-nigadra tamiko. Malaza anivo apostoly eo ndrozy, ze tamy i Kristy talohako ao avao koa. ⁸Manaoa veloma an'i Ampliato, malalako amy ty Tompo ao. ⁹Manaoa veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsika amy i Kristy ao, noho Staky, malalako. ¹⁰Arahabao Apela, azy ankasitsahy iny amy i Kristy ao. Arahabao ze amy ty tokatsano i Aristobolo ao. ¹¹Manaoa veloma an'i Herodiona, longoko. Manaoa veloma an'i ze amy ty tokatsano i Narkisa rey ao, ze amy ty Tompo ao. ¹²Manaoa veloma an'i Tryfena noho tryfosa, ze miasa mare amy ty Tompo ao. Arahabao Perysa malala, ze niasa mare tamy ty Tompo ao. ¹³Manaoa veloma an'i Rofosy, ze voatingy tamy ty Tompo ao, sady ty reniny noho ty reniko. ¹⁴Manaoa veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, sady rahalahy ze miaraky amin-drozy rey. ¹⁵Manao veloma an'i Filologia noho Jolia, Nerea noho ty anabaviny, noho Olimpa, sady mpino iaby miaraky amin-drozy rey. ¹⁶Mifanova veloma amy ty fifanorofa masy. Egilizy i Kristy iaby rey ro manao veloma anareo. ¹⁷Amy zao mandrisiky anareo zaho, rahalahy, mba hidiniky ty mikasiky ze mahavy ty fizarazara noho ty mampeloky rey. Ndrozy ro mandilatsy lavitsy ty fampianara ze nirambesinareo. Mialà lvitsy androzy. ¹⁸Fa tsy mpanompo i Kristy Tompontosika ty olo manahaky reny, fa ty sarotsony manoka avao. Amy ty safa malemy noho moramora ro amitahan-drozy ty fo ty tsy manan-tsiny. ¹⁹Fa ty ohatsinareo amy ty fanenkea ro tafita amy ty kirai-draiky any. Laha zay, mifaly zaho, ty aminareo, fa teako mba ho hendry amy ze soa nareo, sady tsy hanan-tsiny amy ze raty. ²⁰Njanahary ty fiadana hanorotoro an'i Satana ambany ty tombokinareo eo afaky fotoa kelikely. Ho aminareo lahy ty fahasoava i Tompontosika Jesosy Kristy. ²¹Timoty, mpiara-miasa amiko, ro manao veloma anareo, noho Losio, Jasona sady Sosipatro, longoko. ²²Zaho, Tertio, ze nanoratsy epistily toy, le manao celoma anareo amy Tompo ao. ²³Gaio, azy mampiatsano ahy noho ty egilizy iaby, le manao veloma anareo nareo. Erasto, mpitandrakyla amy ty tanà ao, le manao veloma nareo, miaraky amy i Koarto azy rahalahy. ²⁴[Fanamariha: Ty fandika taloha soa bibike le mangalaky andininy toy. (Henteo ty Romana 16: 20). and 24: "Ho aminareo iaby lahy ty fahasoava ty Tompontosika Jesosy Kristy. Ameny."]²⁵Sady ty Voninahitsy ro ho Azy ze mahavita mampitsanga anareo manahaky ty filazantsarako noho ty fitoria an'i Jesosy Kristy, manahaky ty fanambara ty misitery ze nitandrahy ty misitery ze nitandrahy ho sekire ela biby taloha any, ²⁶nefa nambara amy zao, sady tamy ty alala ty boky ty hato-resaky ro nampahaiza tamy ty firenea iaby, manahaky ty lilin-Janahary zisiky farany, ho fankatova ty finoa. ²⁷Ho ahy Njanahary toka ty fahendrea iny, lahy ty voninahitsy zisizy farany, amy ty alala i Jesosy Kristy. Ameny.

1 Corinthians

Chapter 1

¹Paoly, nikaihy i Jesosy Kristy mba ho Apostoly noho ty sitsapon-Janahary, noho Sosrena rahalahintsika, ²ho ahy ty egilizin-Janahary a-Korinto ao, ho ahy ze nihamasiny tamy i Kristy Jesosy ao, ze voakaiky ho aolo masy. Manoratsy ho ahy iaby ze mikaiky ty anara i Jesosy Kristy Tompontosika amy ty toera iaby avao koa zahay, le Tompon-drozy noho antsika. ³Ho aminareo lahy ty fahasoava noho ty fiadana baka amin-Janahary Raintsika noho Jesosy Kristy Tompo. ⁴Zaho ro manome fisaora ho an-Janahariko ho ahy nareo avao noho ty fahasoavan-Janahary ze namea i Jesosy Kristy anareo. ⁵Nanoviny nanankanana tamy ty fomba iaby nareo, tamy ty fivolana iaby noho ty fahaiza iaby, ⁶laha vo voaporofa taminareo eo fa marina ty fanambarà mikasiky i Kristy. ⁷Laha zay nareo ro tsy mijaly fanomezam-pahasoava am-pandinisanareo maré ty fanambara an'i Jesosy Kristy Tompontosika eo. ⁸Ie avao koa ro hampahery anareo zisiky farany, mba tsy hanan-tsiny nareo amy ty andro i Jesosy Kristy Tompontosika. ⁹Matoky Njanahary, ze nikaiky anareo ho amy ty firaisa amy ty Anakilahiny, Jesosy Kristy Tompontosika. ¹⁰Amy zao le mandrisiky anareo zaho, rahalahy, amy ty anara i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hifanaraky nareo iaby sady tsy hisy fisaraha aminareo eo. Mandrisiky zaho mbahiharo amy ty say mitovy noho tanjo mitovy nareo. ¹¹Fa nanovy mazava tamiko, rahalahy, tamy ty alala ty oloako i Kloe fa misy fifampiadaniahana aminareo eo. ¹²Ty teako ambara le zao: Ty kirai-draiky aminareo samby manao hozao: "Zaho miaraky amy i Paoly," ndra "Zaho miaraky amy i Apolosy," ndra "Zah.o miaraky amy i Kefasy," ndra "Zaho miaraky amy i Kristy."

¹³Voazarazara va Kristy? Paoly va ro nahanto ho ahy nareo? Tamy ty anara i Paoly va ro nananova batisa anareo?

¹⁴Misaotsa an-Janahary zaho fa tsy nisy nanoviko batisa nareo, hafa-tsy Krispo noho Gaio. ¹⁵Zay ro mba tsy hafahan'ia ndra ia mivola hoe tamy ty anarako ro nananova batisa anareo. ¹⁶(Zaho avao koa ronanao batisa ty longo i Stefanasy. Ty ankoatsy ze, tsy haiko laha nanao batisa olo hafa zaho.) ¹⁷Fa Kristy ro tsy naniraky ahy mba hampanao batisa fa hitory ty filazantsara. Ie tsy nandefa ahy hitory amy ty safa ty fahendrea ty olombelo, mba tsy ho rava ty hery ty hazofijalea i Kristy. ¹⁸Fa ty hafatsy mikasiky ty hazo fijalea ro fahadala amy ze ho maty rey. Fa amy ze ho vonjen-Janahary rey eo koa, le herin-Janahary zay. ¹⁹Fa voasoratsy hozao: "Ho toroko ty fahendrea ty hendry. Ho rava ty fahaiza ty mahay." ²⁰Aia ty olo-hedry? Aia ty manam-pahaiza? Aia ty mpialy hevitsy an'i fany iaby toy? Moa va tsy navalikin-Janahary ho fahadala va ty fahendrea ty fany iaby toy? ²¹Safe tsy nahay an-Janahary tany iaby toy amy ty fahendreny, le sitsakin-Janahary ty hamonjy ze mino amy ty alala ty fahadala ty fitoria rey. ²²Fa Jiosy rey ro mangataky famantara mahatseriky sady Grika mikaroky fahendrea rey. ²³Fa zahay mitory an'i Kristy voahombo, ze vato mampeloky ho ahy ty Jiosy rey sady fahadala ho ahy Grika rey. ²⁴Fa ho ahy ze nikaihen-Janahary rey, Jiosy rey noho Grika rey, le mitory an'i Kristy manahaky th hery noho fahendrean-Janahary zahay. ²⁵Fa ty fahadalan-Janahary le hendry noho ty olo, sady ty fahalemen-Janahary ro matanjaky nohoty olo. ²⁶Diniho ty fiakaiha anareo, rahalahy. Tsy lako taminareo ro hebdry laha ty amy ty maha olombelo. Tsy lako taminareo ro nahery. Tsy lako taminareo ro abo firazana. ²⁷Fa Njanahary ro nitingy raha adala ty tany iaby toh rey mba hampamenatsy ty hendry. Njanahary ro nitingy ze malemy amy tany iaby toy eo mba hampamenatsy ze matanjaky. ²⁸Njanahary ro nitingy ze ambany noho tsy asia dikany amy tany iaby toy eto. Ndra le aza le nitingy raha ze nidinihiny rey ho tsy misy dikany, mba hahavy tsy hisy dikany raha ze anovy ho manandanja rey. ²⁹Nanoviny zay mba tsy hisy hana antony hirengirengy anilany eo. ³⁰Laha ty nanovin-Janahary, amy zao nareo le amy i Kristy Jesosy ao, ze nanjary fahendrea ho antsika baka amin-Janahary. Ie ro nanjary fahamarinantsika, fahamasinantsika sady fahafahantsika. ³¹Vokatsy zay, manahaky ze volany Soratsy Masy hozao: "Engao ze mirengirengy, hirengirengy amy Tompo ao."

Chapter 2

¹Lafa nandeha amiareo eo zaho, rahalahy, ke tsy niavy niaraky taminy lahateny bdra fahendrea laha nanambara ty misitery mikasikin-Janahary. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa lako hafa ro mivaky manahak zao hozao: "Laha nanambara ty fitsanga vavolombeli mikasikin-Janahary zaho."] ²Fa nanapa-jevitsy tsy hahay ndra ino ndra ino zaho lafa taminareo eo, hafa-tsy Jesosy Kristy, noho le voahombo. ³Sady niaraky taminareo zaho tamy ty fahelemea eo, noho tamy ty tahotsy eo, sady tamy ty fangitikitiha bevata eo. ⁴Sady ty hafatsiko noho ty fanambarako ke tsy tamy ty safa fandresen-dahatsy ty fahendrea. Fa koa, rey ke tamy ty fanehoa ty Fanahy noho hery, ⁵mba tsy ho amy ty fahebdrea ty olombelo ao ty finoanareo, fa amy ty herin-Janahary ao. ⁶Amy zao le miresaky fahendrea amy matotsy eo tsika, fa tsy ty fahendrea tany iaby toy, ndra ty ahy mpanapaky vaninandro zao rey, ze mandalo avao. ⁷Fa koa, mivola ty fahendrea-Janahary amy ty fahamarina tsy hita tsika, azy fahendrea tsy hita ze nitondron-Janahary mialoha taloha vaninandro iaby rey ho voninahintsika. ⁸Tsy nisy tamy mpanapaky andro zao rey ro nahay fahendrea io, fa laha nahatakatsy zay ndrozy tamy fotoa zay, le tsy ho nombon-drosy azy Tompo ty voninahitsy iny. ⁹Fa manahaky ze voasoratsy hozao: "Raha ze tsy nisy maso nahita rey, tsy nisy sofy naharé, tsy nisy eritseritsy nahazo an-txay, raha ze niomanin-Janahary ho ahy tea Azy rey." ¹⁰Reo ro raha naboakin-Janahary taminay tamy ty alala ty Fanahy. Fa ty Fanahy le mila ty raha iaby, ndra le raha lalikin-Janahary rey aza. ¹¹Fa ia ro mahay ty fisaina ty olo raiky hafa-tsy ty fanahy ty olo aminy ao? Manahaky zay koa, tsy misy mahay raha lalikin-Janahary rey hafa-tsy ty Fanahin-Janahary. ¹²Fa tsy nandramby ty fanahy tany iaby toy tsika, fa ty Fanahy ze baka amin-Janahary, mba hafahantsika mahay raha amea antsika amy zao avao baka amin-Janahary rey. ¹³Mivola mikasiky raha amy ty safa ze tsy hay ty fahendrea ty olombelo rey ampianary zahay, fa ze ampianary ty Fanahy anay. Ty Fanahy ro mandika ty safa ara-panahy miaraky amy ty fahendrea ara-panahy. ¹⁴Ty olo ze tsy ara-panahy ro tsy mandramby raha ze ahy ty Fanahin-Janahary, safe fahadala aminy reny. Tsy afa-mahay an'i rey ie safe famantara ara-panahy rey. ¹⁵Ze ara-panahy ro mitsara ty raha iaby, fa tsy ihara ty fitsara ty hafa ie. ¹⁶"Fa ia ro afa-mahay ty fisaina fy Tompo, ro ho afaky hampianatsy Azy?" Fa zahay ro mana ty fisaina i Kristy.

Chapter 3

¹Sady zaho, rahalahy, le tsy afaky nivola taminareo manahaky ty olo ze ara-panahy, fa koa manahaky ty olo aranofo, manahaky ty aja kelikely amy i Kristy ao. ²Nifahanako ronono nareo, fa tsy ventinkany, safe tsy vonona tamby zay nareo; sady ndra amy zao aza le mbo tsy vonona amy zay nareo. ³Safe nareo mbo manahaky th nofotsy. Fa ndra aia misy fahasaratam-piaro noho fifamalia aminao eo, le tsy miay manahaky ty nofotsy va nareo, sady tsy mandeha amy ty fenitsy ty olombelo? ⁴Fa lafa misy raiky mivola hozao: "Zaho manaraky an'Paoly," sady ty raiky mivola hozao: "Zaho manaraky an'i Apostoly," le tsy miay manahaky ty olombelo avao va nareo? ⁵Ia sady Apostoly? Ia Paoly? Mpanompo ze tamby ty alalany ro ninoanareo, ze namea ty Tompo asa iaby. ⁶Zaho ro namboly, Apolosy ro nznondraky, fa Njanahary ro nampitombo. ⁷Ka laha zay, ndra ia ze mamboly ndra ie ze manondraky le tsy misy dikany. Fa Njanahary ro nampitombo. ⁸Sady ie ze mamboly noho ie ze manondraky le raiky, sady ty kirai-draiky ro samby hahazo ty karamany iaby manahaky ty ilany. ⁹Fa zahay ro mpiara-miasa amin-Janahary. Nareo ro baibon-Janahary, noho tsanon-Janahary. ¹⁰Manahaky ty fahasoavan-FJanahary ze namea ahy manahaky ty mpanao tsano mahay, le nametsaky ty fototsy zaho sady hafa ro manory anabony eo. Fa engao ty lahilahy kirai-draiky hiemby ty amy ty fomba hanamboarany amy zay eo. ¹¹Fa tsy misy olo mametsaky fototsy hafa-tsy azy raiky ze napetsaky, zay hoe, Jesosy Kristy. ¹²Amy zao laha misy olo manory anabo ty fotoa amy ty volamena eo, volafoty, vato sarotsy, hazo, boka, ndra lila, ¹³le hanoro ty ilany, fa ty andro mazava ro hanoro zay. Safe hanoro amy ty afo zay. Ty afo ro hitsapa ty hasoa ty nanovy ty kirai-draiky. ¹⁴Laha mipetsaky ty asa azy olo iny, le hahazo valisoa ie; ¹⁵fa laha mafana ty asa azy olo iny, le ho fatiantoky ie, fa ie vatany ro ho vonje, manahaky ty niala tamby ty afo avao. ¹⁶Tsy hainareo va fa nareo ro egilizin-Janahary sady ty Anahin-Janahary ro mipetsaky aminareo ao? ¹⁷Laha misy olo manimba ty egilizin-Janahary, le hanimba olo zay Njanahary. Fa masy ty egilizin-Janahary, sady manahaky zay koa nareo. ¹⁸Ka enga hisy olo hamita-vata. Laha misy olo aminareo eo mihevitsy fa hendry ie amy vanim-potoa zao, engao ie hanjary "adala" amy ze mba mety hanjary hendry ie. ¹⁹Fa ty fahendrea ty tany iaby toy ro fahadala amin-Janahary eo. Safe voasoratsy hoe: "Nahatsatsy ty hendry tamby ty hafetsen-drozy ao Ie." ²⁰Sady koa hozao: "Ty Tompo ro mahay fa ty fihevitsy ty hendry ro raha-tsy misy," ²¹ha zay tsy misy firengerengea mikasiky ty olo sasy! Fa ty raha-iaby le anareo, ²²ndra Paoly, ndra Apolosy, ndra Kefasy, ndra tany iaby toy, ndra fiaina, ndra fahafatesa, ndra raha amy zao, ndra raha ho avy. Ty raha-iaby ro anareo, ²³sady nareo le ahy i Kristy, sady Kristy ro ahin-Janahary.

Chapter 4

¹Manahaky zao ro tokony handrambesa ty olo antsika, manahaky ty mpjasa i Kristy sady mpiemby misterin-Janahary rey. ²Amy zay fifandrambesa zay, ro fepetsa fake amy mpiemby ty maha-mendri-patokisa androzy rey. ³Fa amiko ro raha kelikely ty tokony hitsaranareo ndra hitsaran'olombelo iaby ahy. Fa ndra zaho aza tsy mitsara ty vatako. ⁴Zaho ro tsy mahay ze fanasazia nanovy tamiko, fa zay ro tsy midika fa tsy manan-tsiny zaho. Ty Tompo ro mitsara ahy. ⁵Laha zay, aza manono fitsara mikasiky ty raha iaby aloha ty fotoa, aloha ty hiavia ty Tompo. Ie ro handay raha-tsy hita ty haiky rey ho amy ty fahazava sady hampitro ty faniria ty fo. Bakeo ty kirai-draiky iaby ro handramby ty fanompoa baka amin-Janahary. ⁶Amy zao, rahalahy, nampihatsy fitsipiky rey tamiko noho tany i Apolosy zaho noho ty aminareo, mba hafahanareo mianatsy baka aminay ty dikantsafa ty fivolana hozao: "Ka mandeha mandilatsy ze voasoratsy." Zay ro mba tsy hisy raiky aminareo hirengirengy ty amy ty fankasitsaha ty raiky noho ty hafa. ⁷Fa ia ro mahita fahasambihafa aminareo eo noho hafa rey? Ino ro anananareo ka le tsy nirambesinareo amy zao avao? Laha nandramby zay amy zay avao nareo, nanino nareo ro mirengirengy manahaky ty tsy nanao manahaky zay? ⁸Fa anilanareo iaby ze iaby ilanareo! Fa nanjary mpanarivo nareo! Sady fa nanomboky nanjaka nareo—sady zay ro tsy baka aminay! Zaho ro maniry vatany ty nanjakanareo, mba hafahanay manjaka miaraky aminareo. ⁹Fa zaho ro mieritseritsy fa Njanahary ro nampipetsaky antsika ho apostoly mibaribary manahaky ty farany amy ty lahara noho manahaky ty olo voasazy ho maty. Zahay ro nanjary fampitroa ho ahy ty tany iaby toy—ho ahy ty anjely rey, sady ty hoahy ty olombelo. ¹⁰Zahay ro adala noho ty amy i Kristy, fa nareo ro hendry amy i Kristy ao. Malemy zahay, fa nareo mahery. Nareo ro nameam-boninahitsy, fa zahay koa tsy nalam-baraka. ¹¹Zisiky androany zahay le mosary noho maran-drano, mijaly fisikina, voavango maré, sady tsy manan-kialofa. ¹²asa maré zahay, miasa amy ty alala ty tananay avao. Lafa latsany zahay, le miaritsy. ¹³Lafa enjehiny zahay, le mitsipi-rano. Lafa voaendrikendriky zahay, le mivola amin-kasoam-panahy. Zahay ro niova, sady mbo rambesy ho, fako tany iaby toy noho faiky ty raha iaby. ¹⁴Zaho ro tsy nanoratsy raha rey mba hahamenatsy anareo, fa manitsy anareo manahaky ty anaky malalako. ¹⁵Fa ndra le mana mpiemby ray aly amy i Kristy ao aza nareo, le tsy mana baba lako maré. Fa zaho ro nanjary babanareo amy i Kristy Jesosy ao tany ty alala ty filazantsara. ¹⁶Laha zay ro mampirisiky anareo zaho mba ho mpangala-tahaky ahy. ¹⁷Zay ro nandefasako anareo an'i Timoty, anaky malalako sady matoky amy ty Tompo ao. Ie ro hampahatiaro anareo lalako rey amy i Kristy ao, manahaky ty ampianariko androzy ndra aia ndra aia noho amy ty egilizy iaby ao. ¹⁸Amy zao ro nanjary miavo th ilany aminareo, manao manahaky ty hoe tsy ho avy aminareo any zaho. ¹⁹Fa ho avy tsy ho ela aminareo any zaho, laha enke ty Tompo. Sady tsy hahay ty resy ze tena miavo avao rey zaho, fa hahita ty herin-drozy. ²⁰Safe ty fanjakan-Janahary ro tsy mifototsy amy ty resaky fa amy ty hery, ²¹Ino ro ilanareo? Tokony ho avy aminareo any miaraky amy ty rantsan-kazo va zaho sa miaraky amy ty fitiava atsiky halenem-panahy?

Chapter 5

¹Zahay ro naharé tatitsy fa misy fijangajangana aminareo eo, karaza fandaisam-bata tsy maeva ze tsy azo anovy akory amy jentilisa rey. Ty tatitsy ro hoe misy raiky aminareo miara-miroro amy ty vali-babany. ²Nareo ro tena miavonavo! Fa tsy tokony alahelo va nareo? Ty raiky ze nanao zay ro tsy maintsy alà aminareo eto. ³Fa ndra ke tsy ara-bata aza zaho fa mbo ara-panahy eo, le fa nitsara azy raiky ze nanao zay sahady iny, manahaky ty hoe teo zaho. ⁴Lafa miara-mivory amy ty anara i Jesosy Tompotsika nareo, sady ty fanahiko ro eo ka le amy ty hery i Jesosy Tompotsika, le fa nitsara olo io sahady zaho. ⁵Nanoviko zay mba hanomeza lahilahy zay ho ahy ty Satana ho famoteha ty nofotsy, mba ho voasarombaky ty fanahiny amy ty andro ty Tompo. ⁶sy soa ty firengerengeanareo! Tsy hainareo va fa ty lalivay kelikely ro manova ty mofo iaby? ⁷Liovo ty vatanareo amy ty lalivay taloha mba hanjary mofo vaovao nareo, ka le mba hanjary mofo tsy misy lalivay. Fa Kristy, azy Anak'aondritsika tamy ty Paska iny, le nanovy soro. ⁸Laha zay le engao tsika handrengy ty fifalefalea, tsy amy ty lalivay taloha, azy lalivay ty fandaisam-bata raty iny noho faharatia. Fa koa, engao tsika handrengy amy ty mofo tsy misy lalivay ty fahariovam-po noho fahamarina. ⁹ho ro nanoratsy ho ahy nareo tamy ty taratasiko ao mba tsy hiarahanareo miasa amy olo mpaheriloha rey. ¹⁰Nefa ty teako ambara le tsy ty olo mpaheriloha iaby amy tany iaby toy eto, ndra tsy mahonom-bata, ndra mpisoloko rey, ndra mpiasa sampy rey, safe mba hiala amin-drozy le mila amy tany iaby toy nareo. ¹¹Nefa amy zao zaho manoratsy ho anareo mba tsy hiara-hiasa miaraky amin'ia ndra ia ze kaihy hoe rahalahy nefa miay anay ty faherezaloha, ndra ze tsy mahonom-bata, ndra mpiasa sampy, ndra mpivola raty, ndra mpimamo, ndra mpisoloko. Ka mihina hany miaraky amy ty olo manahaky zay koa. ¹²Fa nanino ro ilirako amy ty fitsara ze ambaliky ty egilizy ret any? Mifanohitsy amy zay, nareo va tsy tokony hitsara ze anay ty egilizy ao? ¹³Fa Njanahary ro mitsara ze ambaliky rey any. " Alao aminareo eo ty olo-raty."

Chapter 6

¹Lafa misy raiky aminareo mana aly amy raiky hafa, mahasaky handeha amy ty fitsara any anila ty mpitsara tsy mpino eo va ie, fa tsy anila mpino eo? ²Moa tsy hainareo va fa mpino rey ro hitsara tany iaby toy? Laha zay, nareo ro hitsara tany iaby toy, moa tsy mahavita mandamy raharaha maliniky va nareo? ³Moa tsy hainareo va fa hitsara anjely rey tsika? Manahaky ty nanino, laha zay, ty fihotsy ty fahafahantsika mitsara raharaha rey amy fiaina toy?⁴Laha hohatsy sady ka le afaky mitsara ty raha ze miboaky amy ty andavzn'androm-piaina iha, nanino iha ro mampipetsaky karazan-draha manahaky zay anipa ze tsy misy dikany rey eo amy ty egilizy ao? ⁵Hahamenatsy anareo ro hivola zay. Moa va tsy mba misy ampy fahendrea ndra raiky akory aza aminareo eo handamina ty disadisa amy ty mpirahalaky eo? Fa⁶koa, misy mpino indraiky avao mifanatsiky amy ty mpino hafa amy ty fitsara eo, sady raharaha zay le hapetsaky anila ty mpitsara ze tsy mpino eo!⁷Ty fisia ty aly aminareo eo Kristiana iaby ro fa faharesea ho ahy nareo sahady. Fa tsy aleo va mijaly amy ty fahadisoa? Fa tsy aleo va enga ho voafitaky ty vatanareo? ⁸Fa nareo ro nandiso noho namitaky ty hafa rey, sady le rahalahinareo avao ndrozy!⁹Moa va tsy hainareo fa ty tsy marina ro tsy handova ty Fanjakan-Janahary? Ka mino vandy. Vetaveta rey, mpiasa sampy rey, mpaheriloha, lahilahy mpamarom-bata, ze miara-miroro amy ty sampy lahilahy rey, ¹⁰mpangalatsy rey, tsy mahay onona rey, mpimamo rey, mpanaraty rey, mpanao an-keriny rey---tsy misy raiky amin-drozy handova ty fanjakan-Janahary. ¹¹Manahaky zay ty ilany aminareo. Fa voalio nareo, nihamasiny nareo, sady voamarina tamin-Janahary eo nareo tany ty anara ty Tompo Jesosy Kristy noho tany ty Fanahin-Janaharitsika.¹²"Ty raha iaby ro ara-dalà amiko," fa tsy ty raha iaby ro mahaso. "Ty raha iaby ro ara-dalà amiko," fa tsy ho andevozy ty raiky amy rey zaho. ¹³"Ty hany ro ho ahy ty sarotso nanovy ho ahy ty hany," fa Njanahary ro handrava androzy roe. Ty vata ro tsy nanovy ho ahy ty heriloha. Fa koa, ty vata ro nanovy ho ahy ty Tompo, sady ty Tompo ro hanome ho ahy ty vata.¹⁴Njanahary ro fa nampitsanga ty Tompo sady hampitsanga antsika amy ty heriny koa. ¹⁵Moa tsy hainareo va fa ty vatanareo ro rantsam-bata i Kristy? sady hampiharo androzy amy ty mpivarom-bata? Tsy hisy lahy zay!¹⁶Moa tsy hainareo va fa ze miharo amy ty mpivarom-bata ro manjary nofotsy raiky aminy? Manahaky ty voalaza ty Soratsy Masy hozao: "Ho nofotsy raiky avao ndrozy."¹⁷Fa ie ze miharo amy ty Tompo ro nanjary fanahy raiky Aminy.¹⁸Ialao ty heriloha! Ty fahota iaby hafa ze novy ty olo le ambaliky ty vata, fa ty olo maheriloha ro manota ho amy ty vatany avao.¹⁹Moa va tsy hainareo fa ty vatanareo ro egilizy ty Fanahy Masy, ze mipetsaky anainareo ao, ze azonareo baka baka amin-Janahary? Moa tsy hainareo va fa tsy anareo ty vatanareo? ²⁰Fa olo-voavily nareo. Laha zay le mankalà anJanahary amy ty vatanareo. [Fanamariha: dikan-tsafa taloha ilany rey le mivaky manahaky manahaky zao le hozao: "Laha zay mankalazà an-Janahary amy ty vatanareo noho amy ty fanahinareo, ze an-Janahary." Fa ty dikan-tsafa soa bibike ro tsy mivaky manahaky henanik'io.]

Chapter 7

¹Sady mikasiky olo ze nisoratinareo mikasiky ty hozao: "Soa ho ahy ty lahilahy ty tsy mikasiky ampela." ²Nefa noho fangalàmpanahy amy ty fahativativa lako isan-karazany, le tokony hana ty valiny manoka iaby ty kirai-draiky, sady ty ampela kirai-draiky le tokony hana ty valiny manoka iaby. ³Ty lahilahy ro tokony hanome ro rey ara-panambalia ho ahy ty valiny, sady manahaky zay koa ty ampela ho ahy ty valiny. ⁴Tsy ty ampela ro mana fahefa amy ty vatany manoka, fa ty valiny. Manahaky zay koa, tsy ty lahilahy ro mana fahefa amy ty vatany manoka, fa ty valiny ro mana. ⁵Ka mifanakasaksa nareo kirai-draiky, hafa-ysy amy ty fifanaraha nifanova sady amy ty fotoa voatoka. Anovo zay mba hafahanareo manokam-bata amy ty vavaky. Bakeo le tokony hiaraky-hiroro ndraiky nareo, mba tsy hafaha ty Satana mangalaky fanahy anareo noho ty tsy fanananareo fifehezam-bata. ⁶Nefa zaho ro mivola raha rey aminareo amy malalaky fa tsy lily akory. ⁷Iriko ty olo iaby hanahaky ahy. Fa ty kirai-draiky ro samby mana ty fanomezam-pahasoava manoka baka amin-Janahary. Ty raiky mana karazam-panomezam-pahasoava toy, sady ty raiky hafa mana karazany hafa koa. ⁸Ho ahy ze tsy manambaly rey noho mpandaivata ro mivola zaho fa soa ho androzy laha mijano tsy manambaly rozy rey, manahaky ahy. ⁹Nefa ndrozy laha tsy afaky mamehy vata, le tokony hanambaly. Safe soa vatany ho androzy ty manambaly manahaky ze amy siaky ty raha ila ty nofotsy. ¹⁰Sady ho ahy ze manambaly rey ro manome lily zao zaho---tsy zaho, fa ty Tompo---ty ampela ro tsy tokony hisaraky amy ty valiny, ¹¹(fa laha hohatsy ie ka le misaraky amy ty valiny) le tokony hijano tsy hanambaly ndra koa mimpoly milongo amy ty valiny) ---sady ty lahilahy ro tsy tokony hisaraky amy ty valiny. ¹²Fa ho ahy ty sisa ro mivola zaho---zaho, fa tsy ty Tompo---hoe laha misy rahalahy raiky mana valy tsy mpino, sady laha mahafaly azy ty miaraky-miroro aminy, le tsy tokony hisaraky amy ty valiny ie. ¹³Laha ty ampela raiky ro mana valy tsy mpino, sady laha mahafaly azy ty miaraky-miroro aminy, le tsy tokony hisaraky amy ty valiny ie. ¹⁴Safe ty lahilahy tsy mpino ro natoka noho ty amy ty valiny, sady ty ampela tsy mpino ro natoka noho ty amy ty rahalahy. Fa laha tsy zay le haloto ty anananareo, nefa laha ty marina le voatoka ndrozy. ¹⁵laha tyvaly tsy kristiana ro miala, engao ie handeha. Amy ty toe-draha manahaky zay, ty rahalahy ndra ty rahavavy ro tsy voafehy voalin-drozy rey. Njanahary ro nikaiky antsika mba hiay am-piadiana. ¹⁶Fa amy ty fomba ino ro ahaizanao, ampela, laha ho voasarombaky ty valiny? Ndra amy ty fomba ino ro ahaizanao, lahilahy, laha ho voasarombaky ty valinao? ¹⁷Fa engao avao th kirai-draiky iaby hiay ty fiaina ze fa nanondroa ty Tompo azy, sady manahaky ty fa nikaihan-Janahary azy. Io ro fitsipiky amy ty egilizy ao iaby. ¹⁸Fa vita savatsy va ty olo raiky lafa nikaihe mba hino? Ie ro tsy tokony hiezaky ty hisehoseho manahaky ty tsy vita savatsy. Tsy vita savatsy va ty olo raiky lafa nikaihe ho amy ty finoa? Tsy tokony ho safary ie. ¹⁹Safe tsy ty fisavara ndra ty tsy fisavara ro raha-bevata. Ty raha-bevata ro ty fankatoava lilin-Janahary rey. ²⁰Ty kirai-draiky iaby ro tokony hijano amy ty fikaiha ze nisy azy lafa nikaihen-Janahary mba hino ie. ²¹Andevo va iha tamy Njanahary mbo nikaike anao? Ka misalasa ty amy zay. Fa laha mety ho afaky iha, le hararoto zay. ²²Safe ty olo raiky ze nikaihe ty Tompk ho andevo le olo afaky ty Tompo. Manahaky zay koa ty olo ze afaky tamy ie mbo nikaiky mba hino le andevo i Kristy. ²³Nareo ro voavily, noho zay aza niavy manahaky ty andevo ty olo. ²⁴Rahalahy, ndra ino ndra ino fiaina nisy antsika kirai-draiky tamy tsika nikaihe mba hino iny, le engao tsika hijano hanahaky zay. ²⁵Sady mikasiky ze tsy nanambaly rey mihintsy, zaho ro tsy mana lily bakz amy ty Tompo any, Nefa zaho ro manome ty hevitsiko manahaky ty raiky ze, amy ty alala ty famalozam-po ty Tompo, le maeva-patokisa. ²⁶Laha zay, mieritseritsy zaho fa noho ty loza ze ho avy, le soa ho ahy ty lahilahy ty mijano amy ty maha ie azy. ²⁷Voafehy amy ty ampela va nareo? Ka mila ty ho afaky aminy. Fa amy ty valinao va iha? Ka mila valy. Nefa laha manambaly nareo, le tsy nanota. ²⁸Laha ty ampela tsy manambaly ro manambaly, le tsy nanota ie. Nefa ze manambaly rey ro hana karazan'olo ako laha mbo velo, sady zaho le te hangalaky anareo amy zay. ²⁹Fa zao ro volaniko, rahalahy: Tamy ty fotoa. Manomboky zao, aleo ze fa manam-baly rey hiay hanahaky ty tsy mana. ³⁰Ze mitany rey ro tokony hanao hanahaky ty tsy mitany, ze mifaly hanahaky ty tsy mifaly rey, sady ze mivily hanahaky ty tsy mana ndra ino ndra ino rey; ³¹sady ze mampiasa tany iaby toy le tsy tokony hanao manahaky ty mampiasa zay tanteraky. Safe tany iaby toy amy ty endrikiny amy azo le ho avy amy ty farany. ³²Teako nareo ho afaky amy fisalasala rey. Ty lahilahy tsy manambaly ro misalasala ty amy fy raha ty Tompo rey, ty amy ty fomba hampifalea Azy. ³³Fa ty lahilahy manambaly ro misalasala ty amy ty raha iaby toy, ty amy ty fomba hampifalea ty valiny--- ³⁴mizarazara ie. Ty tsy manambaly ndra mbo kelikely le misalasala ty amy ty raha ty Tompo, ty amy ty fomba hanokana amy ty soa noho ty fanahy. Fa ty ampela manambaly ro misalasala ty amy ty raha iaby toy, ty amy ty fomba hampifalea ty valiny. ³⁵Volaniko zay ho ahy ty tampônareo manoka, fa tsy hampipetsaky ze iaby sakasakana aminareo eo. Mivola zay zaho noho ze marina, amy zay nareo mba hanolo-vata ho ahy ty Tompo tsy misy fanelengelea. ³⁶Nefa laha misy olo raiky midiniky fa tsy manday ty valy am-panajà--- laha mandilatsy ty nanovy ty fanambalia azy ampela iny sady tsy maintsy manahaky zay--- le tokony hanao ze teany ie. Tsy manota ie. Tokony hivaly ndrozy. ³⁷Nefa laha nidiniky soa tam-

pony ao ie, laha hohatsy ka le tsy ambany fitindritindria fa afaky mifehy ty sitsapony manoka, sady laha nanapakevitsy tam-pony ao ie ty hanzo zay, mba hitandraky ty valiny ho kelikely, le soa ty anoviny.³⁸ Ka le ze manambaly ty valiny ro manao ty soa, sady ze mitingy ty tsy hanambaly ro hanao ty soasoava vatany aza.³⁹ Ty ampela ro voafehy ty valiny laha mbo velo ty lahilahy. Fa laha maty ty valiny, le malalaky soa ie ty hanzmbaly ze teany ho valy, nefa amy ty Tompo ao avao.⁴⁰ Nefa amy ty fitsarako ro tokony ho faly vatany ie laha miay amy zao avao. Sady diniho fa zaho avao koa ro mana ty Fanahin-Janahary.

Chapter 8

¹Sady mikasiky ty hany anovy soro ho ahy ty sampy--- haintsika fa: "Tsika iaby ro manam-pahaiza." Ty fahaiza mampirengirengy, fa ty fitiava mampitsanga. ²Laha misy olo raiky midiniky ty vatzny fa mahay raha, le mbo tsy mahay manahaky ze tokony hahazany olo zay vasa. ³Fa laha misy olo raiky tea an-Janahary, le hainy olo zay.⁴Ka le laha ty mikasiky ty fihinana hany nanovy soro ho ahy ty sampy--- le haintsika fa "ty sampy eto amy tany iaby toy le tsy misy dikany " sady "fa tsy misy Njanahary hafa-tsy raiky avao." ⁵Fa mety misy rey somary kaihe hoe njanahary, ndra andanitsy any ndra an-tany eto, manahaky ty halako rey "njanahary" noho ty halako rey "tomp." ⁶Fa ho antsika, "Raiky avao ro Njanahary le azy Raiky iny, ze baka aminy ty raha iaby, sady le ro antony hivelointsika, sady raiky ro Tompo Jesosy Kristy, ze tany ty alalany ro nisia ty raha iaby, sady tany ty alalany ro nisiansika."⁷Ndra zay aza, fahaizz zay le mbo tsy amy ty kirai-draiky ao. Fa koa, ty ilany taloha eo le nampihatsy ty fanompoan-tsampy, le nihina hany zay manahaky ty hoe raha nanovy soro ho ahy ty sampy zay. Laha zay le simba ty fieritseritsin-drozy safe malemy zay.⁸Fa tsy ty hany ro hanome antsika amin-Janahary eo. Fa tsy raty bibike tsika laha tsy mihina, ndra koa hoe soa vatany laha mihina zay. ⁹Embeno mba tsy ty fahaizanareo ro antony hahavy olo osa rey ara-pinoa ho heloky. ¹⁰Fa anove manahaky ty hoe misy mahita iha, ze manam-pahaiza, mihina ty hany amy ty egilizy ty sampy ao. Tsy ty fahaleme ty fieritserety va ro nasakiany hihina ze namea ho ahy ty sampy?¹¹Ka le noho ty haizanao ty toetsy marina mikasiky ty sampy, le tsobo azy rahalahy malemy finoa raiky iny, ze nahafatesa i Kristy. ¹²Laha zay, lafa manota amy ty rahalahinareo nareo ka le mandratsa ty say malemin-drozy, le manota manohitsy an'i Kristy nareo. ¹³Laha zay, laha ty hany ro mahavy ty rahalahiko ho meloky, le tsy hihinan-kena sasy zaho, mba tsy baka amiko ro hahafaty ty rahalahiko.

Chapter 9

¹Tsy olo afaky va zoha? Tsy apostoly va zaho? Tsy nahita an'i Jesosy Tompontosika va zaho? Tsy asako amy ty Tompo ao va nareo? ²Laha tsy apostoly ho ahy ty hafa zaho, le farafaharatiny Apostoly ho ahy nareo. Fa anareo ro porofo amy ty maha-apostoly ahy amy ty Tompo ao. ³Zao ro fiarovako amy ze manontanontany ahy rey: ⁴Moa va zahay tsy mahazo alala ty hihina noho hino? ⁵Moa va zahay tsy mahazo manday valy ze mpino, manahaky ty anovy apostoly ilany rey, noho rahalahy ty Tompo rey, sady Kefasy? ⁶Sa Barnabasy noho zaho raiky ro tsy maintsy miasa? ⁷Ia ro manao fanompoa maramila amy ty fandaniany manoka? Ia ro mamboly voloboky sady tsy mihina ty voany? Ndra ino ndra ino mandiny aondry ka le tsy mino ty ronono baka amy zay? ⁸Moa va zaho mivola raha mifototsy amy ty fahefa ty olombelo rey? Tsy mivola zay koa va ty lala? ⁹Fa zay ro fa voasoratsy amy ty lalà i Mosesy ao hozao: "Ka asia fehi-vava ty aomby lafa miparitaky voa ie." Tena azy aomby iny vatany va ro hisalasan-Janahary? ¹⁰Tsy miresaky mikasiky anay va ie? Fa nisorata ho antsika, fa ze miasa tany ro tokony hiasa amy ty fanantena, sady ze mively ro tokony hively amy ty fanantena ty hahazo anjara amy ty vokatsy. ¹¹Laha nandraraky raha ara-panahy taminareo eo zahay, moa be loatsy aminay va ty mijinja raha ara-materialy baka aminareo? ¹²Laha mampihatsy zo zay baka aminareo hafa rey, moa va zahay tsy mana mandilatsy? Ndra le zay aza, tsy nitaky zo zay zahay. Fa koa, aleonay niaritsy ty raha iaby manahaky ze ho saka ho ahy ty filazantsara i Kritsy. ¹³Moa va tsy hainareo fa ze manompo amy ty egilizy ao ro mahazo ty hanin-drozy baka amy ty egilizy ao? Sady moa va tsy hainareo fa ze manompo rey amy ty alitara eny ro mahazo anjara amy ze nanoviko fanomeza tany ty Alitara? ¹⁴Manahaky zay koa, ty Tompo ro nibeko fa ze mitory ty filazantsara rey ro tokony hahazo ty fiveloman-drozy baka amy ty filazantsara. ¹⁵Nefa tsy nitaky ty raiky tany zo rey zaho. Sady tsy manoratsy an'i zao zaho mba mety hisy raha hanovy ho ahy. Aleoko maty manahaky ze hisy olo hangalaky amiko rengirengy zay. ¹⁶Fa laha mitory ty filazantsara zaho, le tsy misy dikany vatany irengerengeako, safe tsy maintsy manao zay zaho. Sady loza ho ahy laha tsy mitory ty filazantsara zaho! ¹⁷Fa laha manao zay an-tsitsapo zaho, le mana valisoa. Fa laha tsy an-tsitsapo koa, le mbo mana ty andraikitsy ze nianky tamiko zaho. ¹⁸Ino moa zay ro valisoako? Zay ro lafa mitory zaho, le afaky manome ty filazantsara tsy misy fandoavan-jala ka le mba tsy hampiasa tanteraky ty zoko amy ty filazantsara. ¹⁹Fa ndra le afaky amy ty iaby aza zaho, le nanjary ho mpiasa ho ahy ty iaby, mba hahazoako lako maré. ²⁰Tamy ty Jiosy eo ro nanjary manahaky ty Jiosy zaho, mba hahazoako ty Jiosy. Tamy ze ambany ty lalà rey eo, le nanjary manahaky ty olo ze ambany ty lalà zaho mba hahazoako ze ambany ty lalà rey. Nanao zay zaho ndra le tsy tambany ty lalà eo aza ty vatako. [Fanamariha: Ty baiboly ULB noho ty UDB le mivaky hozao: "Nanao zay zaho ndra le tsy tambany ty lalà eto aza ty vatako." Ty dikan-tsafa taloha ilany ro tsy maintsy zay.] ²¹Tamy ze ambaliky ty lalà rey, ro nanjary manahaky ty olo ambaliky ty lalà zaho, ndra ke tsy ambaliky ty lalàn-Janahary aza ty vatako, fa ambaliky ty lalà i Kristy. Nanao zay zaho mba hahazoako ze ambany ty lalà rey. ²²Tamy malemy rey eo le nanjary malemy zaho, mba hahazoako malemy rey. Nanjary raha iaby ho ahy ty olo iaby zaho, mba hamonjeako ty ilany amy ty fomba iaby. ²³Manao ty raha iaby zaho ho ahy ty filazantsara, mba hafahako mandramby anjara amy fitahia rey zay. ²⁴Moa va tsy hainareo fa amy ty filaisa raiky ty mpilay iaby ro manao ty filaisa, nefa raiky avao ro mahazo ty loka? Ka le milay mba hahazo ty loka. ²⁵Ty atilety raiky ro mampihatsy ty fifehezam-bata amy ty fanazaram-batany iaby. Manao zay ndrozy mba handramby satro-boninahitsy ze mety simba, nefa koa tsika milay mba hahazoantsika satro-boninahitsy tsy mety simba. ²⁶Ka laha zay le tsy milay amy ty tsy misy dikany zaho ndra malemy komondro amy ty tsioky. ²⁷Fa rohizako ty vatako sady anoviko andevo, mba tsy ho laginy ty vatako, lafa baka nitory tany ty hafa zaho.

Chapter 10

¹Teako ho hainareo, rahalahy, fa babatsika rey ro tambany ty raho ao iaby sady namakivaky ty riaky. ²Ty iaby le nanovy batisa ho amy i Mosesy famy ty raho ao noho tamy ty riaky ao, ³sady ty iaby ro samby nihina hanim-panahy mira. ⁴Ty iaby le nino ranom-panahy mira. Fa ndrozy ro nino tamy ty lafiam-batom-panahy ze nanoriky androzy, le Kristy kafiam-bato zay. ⁵Fa Njanahary ro tsy nanenky soa ty halakoan-drozy, sady ty fatin-drozy ro nanaparitaky tanefitsy any. ⁶Amy zao raha reny ro ohatsy ho antsika, mba tsy haniriantika raha-raty manahaky ty nilan-drozy. ⁷Ka manompo sampy, manahaky ty ilany tamin-drozy. Zay ro manahaky ze voasoratsy hozao: "Olo nipetsaky rey mba hihina noho hino, sady nitsanga mba hihisa." ⁸Engao tsika tsy hahehiloha, manahaky ty nanovy ty lako tamin-drozy. Tanay ty ndraiky andro, le olo telo arivo noho roa aly ro maty noho ty amy zay. ⁹Engsp avao tsika tsy hitsapa an'i Kristy, manahaky ty nanovy ty lako tamin-drozy ka le narava mameno rey. ¹⁰Ka mimenimeny avao koa, manahaky ty nanovy ty lako tamin-drozy kanle narava ty anjely ty fahafatesa. ¹¹Sady raha reny ro nitsanga tamin-drozy mba ho ohatsy ho antsika. Nisoraty mba ho fampianara antsika rozy reny--ho amintsika ze niavia ty faran'andro. ¹²Laha zay engao ze mieritseritsy ty vatany ho fa mitsanga miemby soa mba tsy holavo. Tsy nisy fangalam-panahy nahatsatsy anareo ze ¹³tsy iaraha ty olombelo iaby. Fa koa, Njanahary ro matoky. Tsy hanenga anareo ho alam-panahy mandilatsy ze zakanareo Ie. Miaraky amy ty fangalam-panahy le hanome anareo ty lala hilaisa avao koa Ie, mba hafahanareo miaritsy zay. ¹⁴Laha zay, malalako, milaisa lavitsy ty fanompoan-tsampy. ¹⁵Mivola aminareo manahaky ty volo manan-tsany zaho, mba hafahanareo mitsara ze volaniko. ¹⁶Ty kapoaky ty fisaora ze isaorantsika, moa va zahay tsy fiharoa amy ty lio i Kristy? Ty mofo ze vakintsika, moa va zay tsy fiharoa amy ty vata i Kristy? ¹⁷Safe raiky avao ty mofo, tsika ze lako ro vata daiky. Tsika iaby ro mandramby amy ty mofo raiky avao. ¹⁸Hentao olo lakon'Israely: moa va ze mihina fanoneza rey rsy mpandramby anjara amy ty alitara eo? ¹⁹Ino moa ro ho volaniko? Hoe tsy misy dikany va zay ty sampy? Sa ty hany ze nanovy fanomeza tamy ty sampy ro tsy misy dikany? ²⁰Fa miresaky mikasiky ty epraha ze anovy Jentilisa rey mpiasa sampy fanomeza zaho, fa amean-drozy an'i demonia rey raha reny fa tsy an-Janahary. Tsy teako nareo ro mpiharo amy ty demonia! ²¹Tsy afaky mino ty kapoaky ty Tompo noho ty kapoaky ty demonia nareo. Tsy afaky miaraky amy ty latabatsy ty Tompo eo noho ty latabatsy demonia rey nareo. ²²Sa manao ze mampasiaky ty Tompo va tsika? Mahery noho ie va tsika? ²³"Ty raha iaby le ara-dalà," fa tsy ty raha iaby ro mahasoa. "Ty raha iaby ro ara-dalà," fa tsy ty raha iaby ro mampandroso ty olo. ²⁴Tsy misy tokony hila ty tombontsoany manoka. Fa koa, ty kirai-draiky ro tokony hila ty tombontsoa ty namany. ²⁵Afaky mihina ze iaby avily am-bazary eny nareo, fa ka manontany ty fieritsereta. ²⁶Fa "Ahy ty Tompo ty tany, noho ze iaby misy aminy eo." ²⁷Laha misy tsy mpino manasa anareo hihina, ka maniry ty handeha nareo, le hano ze iaby mipetsaky alohanareo eo mba ka mametsaky-fanontania ty amy ty fieritsereta. ²⁸Laha misy mivola aminao hozao: "Hany toy ro baka amy ty fanomeza ty mpiasa sampy," le ka mihina zay. Zay ro ho ahy azy nampahay anareo iny, noho ho ahy ty fieritsereta. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ilany ri manampy hozao: "Fa ty tany noho ty raha iaby aminy ao ro ahy ty Tompo." Fa ty dikan-tsafa soa bibike ro tsy misy zay.] ²⁹Tsy mivola zaho hoe ty fieritseretanao manoka, fa ty fieritsereta ty olo-hafa. Nanino ty fahafahako ro tokony ho tsara ty fieritsereta ty hafa? ³⁰Laha mandramby anjara amy ty hany am-pankasitsaha zaho, nanino ro tivativa amy ze nanomezako fisaora? ³¹Laha zay, ndra mihinana ndra mino nareo, ndra ino ndra ino anovinareo, le anovy ho voninahitsin-Janahary iaby. ³²Ka manome raha ampeloky ty Jiosy ndra ty Grika, ndra ty egilizin-Janahary. ³³Miezaky ty hahafay ty olo-iaby amy ty raha iaby zaho. Tsy mila ty tombontsoako zaho, fa ty ahy ty lako. Anoviko zay mba ho voasombaky ndrozy.

Chapter 11

¹Alao tahaky zaho, manahaky ahy mpangala tahaky an'i Kristy. ²Sady manompo anareo zaho safe mahatiaro ahy amy ty raha iaby nareo. Manompo anareo zaho safe mitandraky mare ty fombafomba manahaky ze nanomezako androzy taminareo nareo. ³Sady teako ho azonareo fa Kristy ro loha ty lahilahy iaby, fa ty lahilahy ro loha ty ampela, sady Njanahary ro loha i Kristy. ⁴Sady mangalaky voninahitsy ty lohany lahilahy ze mivavaky rey ndra maminany ka ke misaron-doha. ⁵Fa mangalaky voninahitsy ty lohany ampela ze mivavaky rey ndra maminany tsy mamonon-doha. Fa tsy hafa sady mitovy amy ty hoe ampela miharatsy ty lohany zay. ⁶Fa laha tsy mamonon-doha ty ampela, le tokony tapaha ho boribory ty volony. Laha mahamenatsy ty ampela ty manapaky ty volony ndra ty miharatsy ty lohany, le engao ie hamono ty lohany. ⁷Fa tsy tokony hamono ty lohany ty lahilahy, safe ie ro sary noho voninahitsin-Janahary. Fa ty ampela ro voninahitsy ty lahilahy. ⁸Fa ty lahilahy ro tsy nanovy baka amy ty ampela. Fa koa, ty ampela ro nanovy baka amy ty lahilahy. ⁹Fa tsy misy lahilahy niforony ho ahy ty ampela. Fa koa, ty ampela ro niforony ho ahy ty lahilahy. ¹⁰Zay ro tokony hanana ty ampela ty mariky ty fahefa amy ty lohany eo, noho anjely rey. ¹¹Ndra zay aza, amy ty Tompo ao, tsy mahaleo-vata amy ty lahilahy ty ampela, ndra ty lahilahy mahaleo-vata amy ty ampela. ¹²Fa laha baka amy ty lahilahy ty ampela, le ty lahilahy koa ro baka amy ty ampela. Sady baka amin-Janahary ty raha-iaby. ¹³Tsarao ty vatanareo: Mety amy th ampela va ty mivavaky amin-Janahary tsy mifonon-doha? ¹⁴Tsy ty natiora mihintsy aza va ro mampianatsy anareo fa laha ty lahilahy ro lava volo, le fahafaham-baraka ho azy zay? ¹⁵Tsy mampianatsy anareo va ty natiora fa laha ty ampela ro lava volo, le voninahitsy ho azy zay? Fa namea azy ty volony mba hamonosany azy. ¹⁶Fa laha misy te-hialy hevitsy amy zay, le tsy mana fampihara hafa zahay, ndra egilizin-Janahary rey. ¹⁷Fa anay torolala manaraky rey, le tsy manompo anareo zaho. ¹⁸Fa lafa miaraky-avy nareo, le tsy ho amy ty soa zay fa ho amy ty raty bibiky, Fa tamy ty velohany bibiky, le reko fa lafa miaraky mivory amy ty egilizy ao nareo, le misy fizarazara aminareo eo, sady mino zay amy ty ampahany zaho. ¹⁹Fa tsy maintsy misy fitsitokotoko aminareo eo, mba hanenkea aminareo eo ze nenke rey. ²⁰Fa lafa mivory nareo, le tsy ty Fanasa ty ztampo ro ho haninareo. ²¹Lafa mihina nareo, le samby mihina ty hany manoka ty kirai-draiky aloha ty hihinana ty hafa, Mosary ty raiky, sady ty hafa nanjary mamo. ²²Tsy mana tsano ihinana noho inoma va nareo? Ho tsy hisianareo dikany va ty egilizin-Janahary ka le hajotsonareo ze tsy mana ndra ino ndra ino? Ino ro tokony ho volaniko aminareo? Tokony hanompo anareo va zaho? Tsy hanompo anareo amy zay zaho! ²³Fa nirambesiko baka amy ty Tompo avao koa ze ampitako anareo, fa Jesosy Tompo, tamy ty haly ze namaliha Azy, le nangalaky mofo. ²⁴Lafa baka nisaotsy Ie, le nanapaky zay sady nivola hozao: "toy ty vatako, ze ho ahy nareo. Anovo zao ho fahatiarova Ahy." ²⁵Mitovy amy zay koa ro nirambesiny ty kapoaky lafa baka nihina haly, sady nivola Ue hozao: "Kapoaky toy ro fanenkea vaovao amy ty lioko ao. Anovo zao ndra ombia ndra ombia nareo ro mino, ho fahatiarova Ahy." ²⁶Amy ty fotoa iaby ze hihinananareo mofo toy noho hinomanareo amy kapoaky toy, le manambara ty fahafatesa ty Tompo zisiky-iaviany nareo. ²⁷Ndra ia ndra ia, laha zay, mihina ty mofo na mino amy ty kapoaky ty Tompo amy ty fomba tsy maeva, le ho meloky ty ajy ty vata noho ty lio ty Tompo. ²⁸Engao handiniky ty vatany aloha ty volo, sady amy zay le enga anie hihina ty mofo sady hino amy ty kapoaky ie. ²⁹Fa ie ze mihina noho mino ka le tsy mahay ty vata, le mihina noho mino fitsara ho ahy ty vatany. ³⁰Zay ro mahavy ty lako aminareo ho osa noho marary, sady ty ilany aminareo ho maty. ³¹Fa laha mandiniky-vata tsika, le tsy ho tsara. ³²Fa lafa voatsara ty Tompo tsika, le mpanara-dalà, mba tsy ho voaheloky miaraky amy tany iaby toy. ³³Laha zay, rahalahiko, Lafa mivory mba hihina nareo, le mifandinisa. ³⁴Laha misy olo raiky mosary, engao ie hihina an-tsano any, amy zay lafa mivory nareo le tsy ho amy ty fitsara zay. Sady mikasiky raha hafa ze nisoratinareo rey, le hanome toro-lala zaho lafa avy.

Chapter 12

¹Mikasiky ty fanomezam-panahy rey, rahalahy, le tsy teako tsy hahay nareo. ²Hainareo fa tamy nareo mbo mpiasa sampy, le voa fitaky nana amy sampy tsy manam-peo any nareo, tamy ze lala iaby nitarika anareo rey. ³Laha zay teako ho hay fa tsy misy olo ze mivola amy ty Fanahin-Janahary afaky mivola hozo: "Jesosy ro voaozo." Tsy misy afaky mivola hozo: "Jesosy ro Tompo," hafa-tsy amy ty alala ty Fanahy Masy. ⁴Sady misy fanomezam-panahy samby hafa, fa Fanahy mitovy avao. ⁵Misy fanompoa samby hafa, fa Tompo mitovy avao; ⁶sady misy karazan'asa samby hafa, fa Njanahary mitovy avao ro manao androzy ho azo antoky amy ty kirai-draiky. ⁷Sady ho ahy ty kirai-draiky ro namea ty fanoroa ambaliky ty Fanahy ho ahy ty tombontsoa ty iaby. ⁸Fa ho ahy ty olo raiky ro namea baka amy ty Fanahy ty safa ty fahendrea, sady ho ahy ty raiky hafa ty safa ty fahalala amy ty alala ty Fanahy mitovy avao. ⁹Ho ahy ty raiky hafa ro namea ty finoa amy ty alala ty Fanahy mitovy, sady ho ahy ty raiky hafa fanomezam-pahasoava hanafaky amy ty alala ty Fanahy raiky rey. ¹⁰Ho ahy ty raiky hafa ro namea asa ty hery, sady ho ahy ty raiky hafa faminania. Ho ahy ty raiky hafa le namea ty fahafaha manavaky fanahy rey, ho ahy ty raiky hafa karaza fivola samby hafa, rey sady ho ahy ty raiky hafa ty fandika safa. ¹¹Fa ty Fanahy raiky noho mitovy avao ro miasa amy zay ao iaby zay, manome fanomezam-panahy rey ho ahy ty olo kirai-draiky iaby, manahaky ze nitingininy. ¹²Fa safe ty vata ro raiky sady mana rantsa lako sady ty iaby ro rantsa azy vata iny avao, noho zay le miaraky amy i Kristy zay. ¹³Fa tamy ty alala ty Fanahy raiky ro nananova batisa antsika iaby ho vata raiky, ndra Jiosy rey ndra Grika rey, ndra voafehy ndra afaky, sady ty iaby ro nanovy mba hino amy ty Fanahy raiky. ¹⁴Fa ty vata ro tsy rantsa raiky, fa lako. ¹⁵Laha mivola ty tomboky hozo: "Safe tsy tana zaho, le tsy raitsa amy ty vata zaho," zay ro tsy kelikely amy ty rantsa ty vata vasa. ¹⁶Sady laha ty sofya ro hivola hozo: "Safe tsy maso zaho, le tsy rantsa amy ty vata zaho," zay ro tsy kelikely amy ty rantsa ty vata vasa. ¹⁷Laha maso ty vata iaby, le ho aia ty fandrese? Laha sofya ty vata iaby, le ho aia ty fanimboloana? ¹⁸Fa Njanahary nandamy ty rantsa ty vata kirai-draiky manahaky ty namoronany zay. ¹⁹Laha rantsa mitovy avao ie iaby, aia ro hisy ty vata? ²⁰Ka le zao ro rantsa lako ndrozy, fa vata raiky avao. ²¹Ty maso tsy afaky mivola amy ty tana hozo: "Tsy misy ilako anao." Ndra ty loha tsy hivola amy ty tomboky hozo: "Tsy misy ilako anao." ²²Fa rantsa amy ty vata ze miboaky ho malemy vatany rey le tena a, ²³sady rantsa ty vata ze nihintsika fa tsy le manan-danja rey, le ameantsika lanja beva vatany rey, sady rantsantsika rey tsy fampisehoa ro mana fahendrea mandilatsy. ²⁴Sady ty rantsantsika fampitoroa le tsy mila andesy amy ty fahendrea, fa rey ro fa mana fahendrea. Fa Njanahary nampiharo ty rantsa iaby miaraky, sady ie nanome lanja vatany an'i rey ze tsy ampy zay. ²⁵Nanao zay le mba tsy hisybfisarahe amy ty vata eo, fa mba hifampikarakara amy ty fitiava mitovy rantsa rey. ²⁶Laha zay lafa mijaly ty rantsa raiky, le miaraky-mijaly rantsa iaby rey; ndra lafa amean-danja ty rantsa raiky, le miaraky-mifaly ty rantsa iaby. ²⁷Sady nareo le vata i Kristy sady rantsa amy zay ty kirai-draiky. ²⁸Sady Njanahary nanondro tamy ty egilizy ao apostoly taloha rey, faharoe olo to-resaky rey, faha telo mpampianatsy rey, bakeo ze manao asa mahatseriky rey, bakeo fanomezam-pahasoava hanafaky ze manome fanampea rey, ze manao ty asa ty fitandrahan-draharaha rey, sady ze mana karaza fivola samby hafa rey. ²⁹Apostoly va ie iaby? Olo to-resaky iaby va? Mpampianatsy iaby va? Manao asa mahatseriky iaby va ty iaby? ³⁰Mana fanomezam-panahy hanafaky va ie iaby? Mivola amy ty fivolana tsy hay va ie iaby? Mandika safa va ie iaby? ³¹kendreo maré fanomezam-panahy bevata bibiky rey. Fa hampitolo anareo lala soasoava vatany zaho.

Chapter 13

¹Ndra le anovy hoe mivola amy ty fivola olo noho anjely rey aza zaho. Fa laha tsy mana fitiava, le nanjary vy maneno ndra kipoa mikarakaram-peo zaho. ²Ndra le anovy hoe mana fanomeza ty faminania sady mahay misy ifotsy rey noho fahaiza iaby aza zaho, sady mana ty finoa iaby afaha mamalo vohitsy rey. Fa laha tsy manam-pitiava, le tsy misy dikany zaho. ³Ndra le anovy hoe manome ze iaby ananako hamaha ty mijaly aza zaho, sady manome ty vatako ho oroa. Fa laha tsy manam-pitiava, le tsy mahazo ndra ino ndra ino zaho. [Fanamariha: Ty ULB noho ty UDB le samby mana dikan-tsafa lako, mivaky manao hozao: "Hameako mba ho oroa ty safako." Ty dikan-tsafa ilany koa le mivaky hozao: "Hameako ty vatako mba ho rengirengiko."]⁴Ty fitiava ro mahari-po sady soa fanahy. Ty fitiava ro tsy mitsiriritsy ndra mirehitsy. Tsy miavona ⁵ndra manao ze tsy mampaeva. Tsy tea tena. Tsy mora meloky, ndra manisaky hadisoa. ⁶Tsy mifaly amy ty tsy fahamarina. Fa koa, mifaly amy ty fahamarina. ⁷Ty fitiava ro mandefitsy ty raha iaby, mino ty raha iaby, matoky raha iaby, sady miaritsy ty raha iaby.⁸Tsy ho tampitsy zisiky farany ty fitiava. Laha misy faminania, le ho rava rey. Laha misy fivolana amy ty safa tsy hay, hijano rey. Laha misy fahalala, le ho rava zay. ⁹Fa tsika ro mahay amy ty ampahany sady maminany amy ty ampahany. ¹⁰Fa lafa a y azy tena meloky iny, le ho rava ze tsy tanteraky.¹¹Tamy zaho mbo aja, le niresaky manahaky ty aja, nieritseritsy manahaky ty aja, nisahy manahaky ty aja. Lafa bevata zaho, le nengako ty naha aja. ¹²Fa amy zao tsika le mahita tsy mivanta amy ty fitaratsy, fa zisiky amy zay le hfanatsiky-tarehy. Amy zao zaho le mahay amy ty ampahany, fa bakeo zaho le hahay tanteraky manahaky ty nahaiza ahy tanteraky. ¹³Fa amy zao le telo reto ro mipetsaky: ty finoa, ty fanantena zisiky amy zay, sady ty fitiava. Fa ty baevata bibiky amy rey le ty fitiava.

Chapter 14

¹Milà fitiava sady manàna fazotoam-po amy fanomezam-panahy rey, sandra fa ty mba haminanianareo. ²Fa ze mivola amy ty fivola tsy hay le tsy miresaky amy ty olo fa amin-Janahary. Fa tsy misy mahazo azy safe miresaky raha-tsy hita amy ty Fanahy ie. ³Fa ze maminany ro miresaky amy ty olo mba ho fampionona androzy, ho fampandrisiha androzy, sady fampionona androzy. ⁴Ze mivola amy ty fivolanatsy hay le manorina ty vatany, fa ze maminany ro manory ty egilizy. ⁵Amy zao le maniry anareo iaby hivola amy ty fivola tsy hay zaho. Fa mbo mandilatsy noho zay aza, maniry Zaho ty haminanianareo. Ze maminany le bevata vatany noho ze mivola amy ty fivolana tsy hay (laha tsy hoe misy olo raiky mandika safa ka le mba mety hamboara ty egilizy). ⁶Fa amy zao, rahalahy, laha avy aminareo eo amy ty fivolana tsy hay zaho, ino ro tombon-tsoa ameako anareo amy zay? Tsy afaky zaho, laha tsy joe miresaky aminareo amy ty fanambara, ndra fahaiza, ndra faminania, ndra fampianara. ⁷Laha mampiboaky feo raha-maneno rey tsy manan'ay--manahaky ty sody ndra lokanga --sady tsy mampiboaky lantom-peo samby hafa rey, nanino ro hahazako ty olo ze meloky iaby ty sody ndra ty lokanga? ⁸Fa laha manao feo hafahafa ty trompetsa, ino ro ahaiza ty olo lafa fotoa hiomana amy ty aly? ⁹Ka le manahaKy zay avao koa ty aminareo. Laha tsy mazava ty safa aboaky ty vavanareo, ino ro hahazako ty olo ze nivolaninareo? Hivola nareo, sady tsy hisy hahazo anareo. ¹⁰Misy fivolana lako samby hafa amy tany iaby toy eto, sady tsy misy amy reny ro tsy misy dikany. ¹¹Fa laha tsy mahay ty dika ty fivolanany raiky zaho, le ho vahiny amy ze mivola, sady ze mivola ho vahiny amiko. ¹²Manahaky zay avao koa ty aminareo. Safe maniry maré ty fihetseha ty Fanahy nareo, le manà zotom-po mba hiroborobo amy ty fanamboara ty egilizy. ¹³Laha zay ze mivola amy ty fivolana tsy hay le tokony hivavakymba hafahanay mandika afa. ¹⁴Fa laha mivavaky amy ty fivolana tsy hay Zaho, le mivavaky ty fanahiko, fa ty saiko tsy mamoa. ¹⁵Ino ro tokony hanoviko? Hivavaky amy ty Fanahiko zaho, fa hivavaky amy ty saiko avao koa. Hihira miaraky amy ty Fanahiko zaho, sady hihira miaraky amy ty saiko avao koa. ¹⁶Laha tsy zay, laha manompo an-Janahary miaraky amy ty Fanahy nareo, ino ro hivolana ty vahiny hozao "Amena" lafa manome fisaora iha laha hohatsy ka le hay ze volaninao. ¹⁷Fa iha ro tena manome fisaora soa avao, fa ty olo-hafa tsy miory. ¹⁸Misaotsy an-Janahary zaho fa mivola amy ty fivolana tsy hay mandilatsy noho nareo iaby. ¹⁹Fe an-degilizy any ro aleoko mivola safa limy manahaky ty fahazoako mba hafahako mampianatsy hafa r1ey, manahaky ze safa ray aly amy ty fivolana tsy hay. ²⁰Rahalahy, ka mba aja amy ty fihavitsinareo. Fa koa, laha amy ty raty, le mananova manahaky ty aja. Fa amy ty fihavitsinareo ro engao ho matotsy nareo. ²¹Amy ty lalà ao ro voasoratsy hozao: "Amy ty alala olo hafa fivolana noho amy ty alala ty sony ty vahiny le hiresaky amy olo rey Zaho. Ndra le tsy haharé Ahy aza ndrozy," hoy ty Tompo. ²²Laha zay fivolana rey tsy hay le fahaiza, tsy amy mpino rey, fa amy tsy mpino. Fa ty faminania koa ro ho fahaiza, tsy ho ahy tsy mpino rey, fa ho ahy mpino rey. ²³Laha zay, laha hohatsy ka, miaramivory ty egilizy iaby sady mivola amy ty fivolana tsy hay iaby, sady militsy vahiny rey noho tsy mpino, tsy ho volanin-drozy fa adala va nareo? ²⁴Fa laha naminany iaby nareo iaby ka le nisy tsy mpino ndra vahiny nilitsy, le ho resy lahatsy amy ze iaby janjiny ie. Ho tsara amy ty alala ze iaby voalaza ie. ²⁵Hambara ty tsiambaratelo ampony ao. Vokatsy zay, handohaliky ie fa hiharo an-Janahary. Hanambara ie fa tena aminareo eo Njanahary. ²⁶Ino zay ro manaraky, rahalahy? Lafa tafaray nareo, ty kirai-draiky ro mana salamo, fampianara, fanambara, fivolana tsy hay, ndra fandikan-tsafa. Anovo ty raha-iaby mba hanorenanareo ty egilizy. Laha misy mivola amy ty fivolana tsy hay, ²⁷engao hisy roe ndra farafahalakony telo eo, sady mandeha kirai-draiky, bakeo le tokony hisy raiky handika ty safa ze voavola. ²⁸Fa laha tsy misy mpandika safa, engao ty kirai-draiky amin-drozy hitandraky tsy fivolana an-degilizy ao. Engao ty kirai-draiky hiresaky mitoka amy ty vatany noho amin-Janahary. ²⁹Engao hivola ty mpaminany roe ndra telo, sady engao hafa rey hijanjy amy ty fahaiza-manavaky ze voavola. ³⁰Fa laha misy fahita amea ze mipetsaky amy ty fanompoa, engao hivola azy raiky ze nivola iny. ³¹Fa ty kirai-draiky aminareo ro afaky mifanolo maminany mba hafaha ty kirai-draiky mianatsy sady mba hahery ty iaby. ³²Fa ty fanahy olo to-resaky rey le ambany ty fanaraha-maso ty olo to-resaky rey eo. ³³Fa Njanahary ro tsy Njanahary ty fikorontana, fa ty fiadana. Zay ro fitsipiky ho ahy ty egilizy ty mpino iaby rey. ³⁴Ty ampela ro tokony hitandraky ty tsy fivolana an-degilizy ao. Safe tsy mahazo alala hivola ndrozy. Fa koa, tokony hanenky ndrozy, manahaky ty ambara ty lalà. ³⁵Laha misy irin-drozy hianara, engao hanontany ty valiny an-tsano any ndrozy. Fa mahamenatsy ho ahy ty ampela ty mivola an-degilizy ao. ³⁶Baka aminareo va ro niavia ty safan-Janahary? Nareo raiky va ro voakasiky zay? ³⁷Laha misy mieritseritsy ty vatany ho olo to-resaky ndra ara-panahy, le tokony hanenky ie fa raha ze soratiko aminareo rey ro lily ty Tompo. ³⁸Fa laha misy tsy manenky zay, le aleo ie tsy ho enke. [Fanamariha: Ty halakoa ty dikan-tsafa, anay zay ao ty ULB noho UDB, le mamaky hozao: "Fa laha misy tsy manenky zay, le engao tsy ho enke ie." Ty dikan-tsafa ilany taloha manao hozao: "Fa laha amisy tsy mahay zay, le engao ie tsy hahay zay."] ³⁹Kanle amy zay, rahalahy, maniria maré ty ho to-resaky, sady ka mandrara an'ia ndra ia hivola amy ty fivolana tsy hay. ⁴⁰Fa engao ty raha-iaby anovy manahaky ty tokony ho ie noho am-pilamina.

Chapter 15

¹Amay zao mampahatiaro anareo zaho, rahalahy, ty amy ty filazantsara ze nambarako taminareo, ze nirambesinao noho ze itsangananareo. ²Amy ty alala filazantsara zatpy ro hahavoasarombaky anareo, laha mitandraky maré amy ty safa nambarako taminareo nareo, laha tsy hoe ninonino avao. ³Fa namea raha-bevata velohany ho ahy nareo ze voarambiko avao koa: fa maty ho ahy ty fahotantsika Kristy manahaky ty Soratsy Masy, sady nalevy Ie, ⁴sady Ie ro natsanga tamy maty tamy ty andro faha telo manahaky ty Soratsy Masy⁵Kristy ro niboaky tamy i Kefasy, sady bakeo tamy folo roa amby rey; ⁶bakeo le niboaky indraiky avao tamy rahalahy mandilatsy ty dimanjato Ie. Mbo velo ty halakoan-drozy, fa ty ilany ro nimaty. ⁷Bakeo Ie niboaky tamy i Jakoba, bakeo tamy apostoly iaby rey. ⁸Farany bibike, le niboaky tamiko Ie, manahaky ty hoe tamy ty aja teraky tsy ampy vola. ⁹Fa zaho rk kelikely bibike amy apostoly rey. Zaho ro tsy maeva ty kaihe hoe apostoly safe nanenjiky ty egilizinJanahary zaho. ¹⁰Fa laha ty fahasoavan-Janahary ro naha zao zaho ahy, sady tsy rava ty fahasoavany amiko ato. Fa koa, niasa maré vatany noho ie iaby zaho. Nefa tsy zaho zay, fa ty fahasoavan-Janahary ze miarakany amiko. ¹¹Laha zay ndra zaho zay ndra ndrozy, manahaky ty nitorinay le manahaky zay ro ninoanareo. ¹²Amy zao laha nanambara fa Kristy ro natsanga tamy maty, ino ro hafaha ty ilany aminareo mivola fa tsy misy ty fitsangana amy maty? ¹³Nefa laha tsy misy ty fitsangana amy maty, le tsy natsanga vasa Kristy; ¹⁴sady laha tsy natsanga Kristy, le rava ty fanambaranay, sady rava avao koa ty finoanareo. ¹⁵Ka le, hita ho vavolombelo diso mikasiky Njanahary zahay safe nitsanga vavolombelo nanohitsy an-Janahary, nivola hoe natsanga Kristy lafa tsy nanao zay Ie. ¹⁶Laha tsy natsanga ty maty, le ndra Kristy aza tsy natsanga; ¹⁷sady laha tsy natsanga Kristy, le rava ty finoanareo sady le mbo amy ty fahitanareo ao nareo. ¹⁸Sady ze iaby maty amy i Kristy ao ro fa tsobo avao koa. ¹⁹Laha amy fiaina toy avao ro ananantsika toky amy ty ho avy amy i Kristy ao, le tsika ro mampahonena bibike amy ty olo iaby. ²⁰Fa amy zao le fa natsanga tamy maty Kristy, azy veloham-bokatsy ze maty iny. ²¹Fa safe niavy tamy ty alala ty olo raiky ty fahafatesa, le baka amy ty alala ty olo raiky avao koa ro niavia ty fitsangana amy maty. ²²Fa manahaky ty nahafatesa ty iaby tamy i Adama ao, le ho velomy amy i Kristy ao avao koa ty iaby. ²³Nefa samby amy ty filaharany manoka ao ty kirai-draiky: Kristy, azy veloham-bokatsy iny, sady bakeo ze an'i Kristy rey le hanovy velo amy ty fiaviany. ²⁴Bakeo le ho avy ty farany, lafa hamea i Kristy ho an-Janahary Ray ty fanjaka. Zay le lafa handrava ty fitsipiky iaby noho ty fahefa iaby sady ty hery Ie. ²⁵Fa tsy maintsy manjaka le zisiky-hampijanonany ty fahavalony iaby ambany ty tombony ao. ²⁶Ty fahavalo farany ho harava le ty fahafatesa. ²⁷Fa "Napetsany tambany ty tompony eo iaby ty raha iaby." Fa voavola fa: "Ia ro nampipetsaky ty raha iaby," le mazava soa fa tsy tafilitsy anay zay ao azy raiky nampipetsaky ty raha iaby hanenky ty vatany iny. ²⁸Lafa manenky Azy ty raha iaby, le ty Anaky mihintsy ro hanenky azy raiky ze nampanenke ty raha iaby ho Azy iny. Hiseho zay mba ho iaby amy ty oaby ao ty Njanahary Ray. ²⁹Ndra koa ino ro ilanao ze vita batisa ho ahy ty maty rey? Laha tsy natsanga mihintsy ty maty, nanino ndrozy ro nanovy batisa ho ahin-drozy? ³⁰Nanino sady, tsika ro am-bava loza isan'ora? ³¹Miatsiky fahafatesa isan'andro zaho! Zay ro azo antoky manahaky ty firengerengeako ty aminareo, ze azoko amy i Kristy Jesosy Tompontsika ao. ³²Ino ro tombony azoko, baka amy ty fomba fanentea ty olombelo, laha nialy tamy ty biby ta Efesosy ao zaho, laha tsy natsanga ty maty? "Angao tsika hihina noho hino safe ho maty tsika hamaray." ³³Ka mety ho fitahy hozao: "Manimba ty fisaina soa ty naman-draty." ³⁴Mandiniha! Miaina am-pahamarina! Ka manohy manonta! Fa ty ilany aminareo le tsy mana fahaiza an-Janahary. Mivola zay ho amy ty fahamenaranareo zaho. ³⁵Fa ty olo raiky hivola hozao: "Ino ro nampitsanga ty maty, sady amy ty karaza vata ino ro hiavian-drozy?" ³⁶Tsy mahay ndra ino ndra ino nareo! Ze hararakinareo le tsy hanomboky hitombo laha tsy maty zay. ³⁷Ze nararakinareo le tsy ty vata ze ho avy, fa voa fostiny. Zay ro mety hanjary vary ndra raha hafa. ³⁸Fa hamean-Janahary azy ty vata manahaky ze tingininy, sady samby amy ty vata iaby ty voa kirai-draiky. ³⁹Tsy ty nofotsy iaby ro mitovy. Fa koa, raiky ty nofotsy ty olombelo, le hafa ty nofotsy ty boby, sady nofotsy hafa ty ahy ty voro rey, sady hafa ty ahy ty hazandrano. ⁴⁰Misy avao koa vata rey an-danitsy any noho vata ty an-tany eto rey. Fa karaza raiky avao ty voninahitsy ty vata an-danitsy any sady hafa ty voninahitsy ty an-tany eto. ⁴¹Raiky ty voninahitsy ty vola, sady voninahitsy hafa ty ahy ty basia rey. Fa ty basia raiky miavaky amy ty basia raiky hafa amy ty voninahitsy. ⁴²Manahaky zay koa ty fitsangatsangana amy ty maty. Ze ararakany ro mety simba, sady ze atsanga ro tsy mety simba. ⁴³Ararakany tamy ty fanalam-baraka zay; le natsanga am-boninahitsy. Ararakany tamy ty fahakemea zay; le natsanga amy ty hery. ⁴⁴Ararakany amy ty vata voajanahary zay; le atsanga ho vata ara-panahy. Laha misy vata voajanahary, le misy vata ara-panahy avao koa. ⁴⁵Sady fa voasoratsy avao koa fa: "Nanjary fanahy velo Adama azy lahilahy velohany iny" Azy Adama farany iny ro nanjary fanahy manome fiaina. ⁴⁶Fa tsy ty ara-panahy ro avy velohany fa ty voajanahary, sady bakeo ty ara-panahy. ⁴⁷Ty olo velohany ro baka amy ty tany, namboary tamy ty kemboky. Ty olo faharoe ro baka an-danitsy any. ⁴⁸Manahaky azy raiky namboary tamy ty lemboky iny, manahaky zay koa azy olo an-danitsy any, sady manahaky zay avao koa ze baka an-danitsy any rey.

⁴⁹Manahaky ty nandaisantsika ty endriky azy olo ty lemboky iny, le handay ty endriky azy olo ty lanitsy iny avao koa tsika.⁵⁰Sady zao ro volaniko, rahalahy, fa ty nofotsy amy ty lio ro tsy afaky ty handova ty fanjakan-Janahary. Ndra ze mety simba handova ze tsy mety simba. ⁵¹Ingo! Raha-marina tsy hita ro ho volaniko anareo hozao: Tsy ho maty iaby tsika iaby, fa hova iaby tsika iaby.⁵²Hiova tsika amy ty fotoa raiky, anay ty ndraiky mipi-maso ao, amy ty trompetsa farany. Haneno ty trompetsa, sady maty rey ro hatsanga ho tsy mety lo, sady le hova tsika. ⁵³Fa vata toy mety simba le tsy maintsy hisiky ze tsy mety lo, sady vata mety maty toy ro tsy maintsy hisiky ty tsy fahafatesa. ⁵⁴Fa lafa misiky ty tsy simba vata mety simba toy, sady lafa misiky ty tsy fahafatesa vata mety maty toy, le ho avy amy azy safa ze voasoratsy hoe, " Voately tany ty fandreseha ty fahafatesa." ⁵⁵"Fahafatesa, aia ty fandresehanao? Fahafatesa, aia ty fitombohanao?"⁵⁶Ty ota ro fanindroa ty fahafatesa, sady ty hery ty ota le ty lalà. ⁵⁷Fa isaora Njanahary, ze manome antsika ty fandreseha amy ty alala i Jesosy Kristy Tompontosika!⁵⁸Laha zay, rahalahy malalako, mipetsaha soa sady ka mihozongozo. Miroborobo zisiky farany amy ty asa ty Tompo, safe hainateo fa tsy tsobo avao ty asanareo amy ty Tompo ao.

Chapter 16

¹Sady mikasiky ty famorian-jala ho ahy mpino rey, manahaky ty nanoroako lala ty egilizy i Galatia, le manahaky zay koa ro tokony anovinareo. ²Amy ty andro veloha ty herin'andro, le tokony hanoka raha ty kirai-draiky aminareo sady hanajary zay manahaky ze vitanareo. Mananova zay mba tsy hisia ty famorian-jala lafa avy zaho. ³Lafa niavy zaho, ndra ia ndra ia enkenareo, le alefako miarakany amy ty taratasy mba hanomezako ty fanomezanareo ho ahy Jerosalema. ⁴Laha hohatsy ka le mety amiko avao koa ty mandeha, le handeha hiaraky amiko ndrozy. ⁵Fa ho avy aminareo any zaho lafa mandalo an'i Mekedonia. Fa handalo an'i Makedonia zaho. ⁶Mety afaky hijano miarakany aminareo zaho ndra anay ty nintsy mihintsy aza, mba hafahanareo manmpy ahy amy ty liako, ndra aia ndra aia andehanako. ⁷Fa tsy maniry ty hahita anareo anay ty fotoa tsy ampy zaho zao. Fa manantena ty hipetsaky ela ela miarakany aminareo, laha engà ty Tompi. ⁸Fa hijano ao Efesaosy zaho zisiky-iavia ty Pentekosta, ⁹fa varavara lalaky ro nivoha ho ahy, sady misy fahavalo lako. ¹⁰Sady lafa niavy Timoty, le ezaho mba tsy hatahotsy ie miarakany aminareo, fa manao ty asa ty Tompi ie, manahaky ty anoviko. ¹¹Ka enga hisy olo hanao tsinotsino azy. Ampeo ie amy ty lalany amy ty fiadana, mba hafahany mandeha amiko eo. Fa manantena azy mba ho avy hiaraky amy rahalahy rey zaho. ¹²Sady mikasiky an'i Apolosy rahalahintsika, le nandrisiky azy maré zaho mba hamonjy anareo miarakany amy rahalahy rey. Fa mbo tsy vonona tanteraky ty ho avy ie zao. Ndra zay aza, ho avy ie lafa mety ty fotoa. ¹³Miembena, mitsangana soa amy ty finoa, miasá manahaky ty lahilahy, mahereza. ¹⁴Engao hanovy am-pitiava ze anovinareo iaby. ¹⁵Hainareo ty longo i Stefanasy, fa ndrozy ro niova fo velohany ta Asaia ao, sady ndrozy nametsaky mpino rey. Sady mandrisiky anareo zaho, rahalahy, ¹⁶mba hanenky ty olo manahaky zay noho amy ty olo iaby ze manampy amy ty asa noho miasa miarakany aminay. ¹⁷Mifaly amy ty fiavia i Stefanasy, Fortinatasy, sady Akaiosy zaho. Nanatsiky ty tsy naha-teo anareo ndrozy. ¹⁸Fa namelombelo ty fanahiko noho ty ahy nareo ndrozy. Ka le laha zay, haiko ty olo manahaky zay. ¹⁹Egilzy i Asia rey ro manao veloma anareo. Akila noho Pritsila ro manao veloma anareo amy ty Tompo ao, miarakany amy ty egilizy ze amy ty fipetsahan-drozy ao. ²⁰Ty rahalahy iaby manao veloma anareo. Mifananova veloma amy ty oroky masy. ²¹Zaho, Paoly, manoratsy amy ty tanako toy. ²²Laha misy olo tsy tea ty Tompo, enga anie mba ho voahozo ie. Ho avy, ty Tompontsika! ²³Ho aminareo lahy ty fahasoava ty Jesosy Tompo. ²⁴Ho aminareo iaby ty fitiava amy i Jesosy Kristy ao. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ro manmpy hozao: "Amen." Fa ty vaovao lako hafa, anay zay ao ty ULB noho ty UDB, le mangalaky zay.]

2 Corinthians

Chapter 1

¹Paoly, apostoly raiky an'i Kristy Jesosy tamy ty sitsapon-Njanahary, noho Timoty rahalahintsika, ho ahy ty egilizyn-Janahary ze amy ty Korinto ao, sady ho ahy ty mpino iaby mameno ty faritsy Akaia rey. ²Ho aminareo lahy ty fahasoava sady ty fiadana baka ami-Janahary Babantsika noho Tompo Jesosy Kristy. ³Ho tompoy lahy ty Njanahary noho Baba ty Tompontsika Jesosy Kristy. Ie ro Baba ty famalozam-po iaby noho Njanahary ty fampionona iaby. ⁴Njanahary le mampionona antsika amy ty fampijaleantsika iaby, ka le mba afahantsika mampionona ze anay ty fijalea ao. Tsika ro manampionona hafa manahaky ty fampionona ze nampiasan-Janahary ampionona antsika rey. ⁵Fa manahaky ty hitomboana ty fijalea i Kristy noho tvy aminay, ro hitomboana ty fampionona anay koa amy ty alala i Kristy. ⁶Fa laha nampijalea zahay, zay ro ho ahy ty fampionona noho famonjea anareo. Sady laha nampionona zahay, zay ro ho ahy ty fampionona anareo. Ty fampiononanareo ro mandaitsy lafa manam-pahareta hizara fijalea ze mitovy amy ty fijaleanay koa. ⁷Fa ty fatokisanay mikasiky anareo le azo antoky, safe zahay le mahay fa nareo koa ro mizara fijalea rey, nareo koa ro mizara fampionona. ⁸Fa tsy teanay nareo tsy ahay, rahalahy, ty amy olo nahazo anay rey ta Asia any. Zahay ro nivesary tanteraky mangilatsy ze tokony ho zakanay, lako maré ka le tsy nanantena ty hiay ela sasy zahay. ⁹Taminay eo vatany ty fanasazia ho faty. Fa zay ro nahavy anay tsy hametsaky ty tokinay amy ty vatanay eo avao, fa koa amin-Janahary ze mampitsanga ty maty. ¹⁰Nanarombaky anay tamy ty loza maha faty manahaky zay Ie, sady mbo hanarombaky ndraiky. Zahay ro nametsaky ty tokinay taminy fa mbo hanafaky anay ndraiky Ie. ¹¹Ie ro hanao zay safe nareo koa ro nanampy anat amy ty alala ty vavakinareo. Sady lako bakeo ro hanome fisaora amy ty anaranay noho ty tombom-pahasoava namea anay tamy ty alala ty vavaky ty lako rey. ¹²Zahay ro mirengirengy amy zao: fitsanga vavolombelo ty amy ty feo ty fieretseretanay. Fa tamy ty fikasa malio noho fahatsoram-po ze baka amin-Janahary ze nanday anaty vatany rey amy tany iaby zao. Zahay ro nahavita iaby zay sady ty halakony niarakany taminareo --tsy tamy ty fahendrea ty tany iaby toy, fa tamy ty fahasoavan-Janahary. ¹³Zahay ro tsy nanoratsy raha tsy ho

voavaky ndra ho azonareao. Zaho ro manantena fa, ¹⁴safe nareo nahazo ty mikasiky anay amy ty ampahany, zahay ro ho anto ty rengirenginareo amy ty andro ty Tompontsika Jesosy, manahaky anareo ho antony hirengerengeanay.¹⁵ Safe natoky ty mikasiky zay zaho, le te ho aminareo any aloha, mba hahafahanareo mahazo tombony amy ty famonjea roe. ¹⁶Nioma ty hamonjy anareo tamy ty lalako eny ho a-Makedonia any zaho. Sady bakeo le mbo naniry hamonjy anareo ndraiky zaho tamy ty liako baka Mekedonia any, sady ty mba hanateranareo ahy tamy ty lalako eny ho a-Jodianay eo any.¹⁷ Lafa nieritsetritsy manahaky zay zaho, niasalasala va zaho? Nanoma raha manahaky ty nofotsy va zaho rey, mba ivolanako "Eka, eka" noho "Aha, aha" amy ty fotoa raiky avao? ¹⁸Fa safe Njanahary ro mahatoky, tsika ro tsy afaky ty hivola ndra "Eka" ndra "Aha."¹⁹ Fa ty Anakin-Janahary, Jesosy Kristy, ze nitory i Sylvanosy, Timoty sady zaho taminareo, le tsy "Eka" ndra "Aha." fa Ie ro nivola avao hoe "Eka."²⁰ Safe ty fampanantenan-Janahary iaby ro "Eka" iaby aminy ao. Ka le amy ty alalany koa tsika ro hivola hoe "Amena" ho ahy ty voninahitsin-Janahary.²¹ Sady Njanahary ze mampahery anay aminareo amy i Kristy ao, sady Ie ro naniraky antsika. ²²Ie ro nanisy tampô tamintsika sady nanome ty Fanahy ho am-pontsika ao ho antoky ze mbo ho ameanany antsika afara ao.²³ Fa nikaiky an-Janahary zaho, hitsanga vavolombelo ho ahy ze antony tsy niaviako ta Korinto any mba hamalozako fo aminareo. ²⁴Zay ro tsy sanatsia noho zahay miezaky ty mamehy ze tokony ho finoanareo. Fa koa, zahay ro miara-miasa aminareo amy ty fifaleanareo, safe nareo mitsanga amy ty finoanareo ao.

Chapter 2

¹Fa nanapa-kevitsy ty tsy hamonjy anareo ndraiky ty vatako amy ty fotoam-pangirifiria. ²Laha niteraky alahelo anareo zaho, ia ro afaky mampifaly ahy ankoatsy azy raiky ze niratsako avao iny?³Nanoratsy zaho manahaky ty nanoviko mba tsy ho voaratsy ze tokony nampifaly ahy rey lafa avy taminareo ao. Zaho le mana fatokisa ty aminareo iaby fa ty fifaleako ro mitovy amy ty anareo iaby. ⁴Fa nanoratsy ho anareo zaho baka amy ty fijalea bevata, miaraky amy ty fangirifiria ty fo, sady miaraky amy ty ranomaso bevata. Tsy te ampalahelo anareo zaho. Fa koa, te hampahay anareo ty alala ty fitiava ze ananako ho anareo.⁵Laha nisy olo niteraky alahelo, tsy niteraky zay tamiko avao ie, fa amy ty endriky hafa---tsy hanitara loatsy zay---aminareo iaby. ⁶Ampy ty fanasazia nanovy ty lako hisaky olo io. ⁷Ka amy zao laha tokony ho fanasazia, nareo ro tokony hanenga heloky noho hampionona azy. Anovo zay mba tsy handefitsy azy amy ty alahelo bevata maré.⁸Laha zay manankery anareo zaho mba hampahery amy olo lako ty fitiavanareo Azy. ⁹Zay ro antony nanoratako, amy ze mba mety hitsapako anareo sady ahaizako ndra mankato amy ty raha-iaby nareo.¹⁰Laha manenga olo nareo, manenga olo zay koa zaho. Ze nengako--- laha nanenga ty raha-iaby zaho---zay fanenga zay ro fitiava anareo amy ty famonjea i Kristy. ¹¹Zay le mba tsy hamitaha ty Satana anay. Safe zahay ro mahay ty rahany.¹²Nivoha ho ahy ty varavara tamy ty Tompo lafa niavy tamy ty tanà-bevata ao an'i Troasy nitory ty filazantsara an'i Kristy tany. ¹³Ndra zay aza, tsy nana fiadanantsay zaho, safe tsy nahita ty rahalahiko Titosy tany. Manahaky zay, niala ndrozy zaho sady nandeha nimpoly ta Makedonia any.¹⁴Fa fisaora lahy ho ahin-Janahary, ze amy i Kristy ao mitariky anay zisiky farany amy ty fandreseao. Amy ty alalantsika ro haparitaky ndra aia ndra aia ty hanitsy mamy ty fahaiza azy... ¹⁵Fa zahay ro hanitsy mamy i Kristy an-Janahary, ndra tamy rey ze nivonje noho tamy ze ho maty rey.¹⁶Ho ahy ty olo ze ho maty, zay ro hanitsy baka amy ty fahafatesa ho amy ty fahafatesa. Ho ahy ty ilany ze nivonjeny rey, le hanitsy baka amy ty fiaina amy ty fiaina ao. Ia ro maeva amy raha rey? ¹⁷Fa zahay ro tsy mitovy amy olo lako ze mamarotsy ty safan-Janahary rey mba ahazoa tombony. Fa koa, amy ty fahaliovam-po, ro hiresahanay amy i Kristy, safe nalefa baka amin-Janahary zahay, tamy ty fahitan-Janahary ao.

Chapter 3

¹Hanomboky hiteran-tena ndraiky va zahay? Zahay ro tsy mila taratasy rey fanamariha aminareo ndra baka aminareo, manahaky tybolo ilany, sa tsy zay? ²Ty vatanareo ro taratasy fanamarihanay, ze voasoratsy ampontsika ao, ze hay sady vakie ty olo iaby. ³Nareo ro manoro fa taratasy fanmbara baka amy i Kristy, ze nameantsika. Zay ro tsy voasoratsy tamy ty ranomainty fa tamy ty Fanahy azy Njanahary velo iny. Zay ro tsy voasoratsy tamy ty takela-bato eo, fa tamy ty takela ty fo ty olombelo eo. ⁴Sady zay ro toky ze ananantsika anilan-Janahary eo amy ty alala i Kristy. ⁵Tsika ro tsy mahefa amy ty vatantsika mba handramby ndra ino ndra ino ze baka amintsika. Fa koa, ty fahefantsika ro baka amin-Janahary. ⁶Njanahary ro nanao antsika mba ho mpiasa ty fanenkea vaovao. Zay ro fankea tsy baka amy ty soratsy fa ahy ty Fanahy. Fa ty soratsy mamono, sady ty Fanahy manome ay. ⁷Sady ty asa ze niteraky fahafatesa - ro voasoratsy tanabo ty vato eo - le niavy tam-boninahitsy bevata ka le ty olo lakon'Israely ro tsy afaky maniry ty tarehy i Mosesy. Zay le noho ty voninahitsy ty tarehiny, ty voninahitsy ze niharava. ⁸Ho voninahitsy bevata manahaky ty ino ty asa ze anovy ty Fanahy? ⁹Fa laha nana voninahitsy ty asa ty fanasazy, le hanahaky ty ino ty fitomboana ty voninahitsy ty asa ty fahamarina! ¹⁰Safe vatany, ze namea voninahitsy indraiky avao ro tsy hanam-boninahitsy sasy amy fomba zay, noho ty voninahitsy ze mampitombo zay. ¹¹Fa laha ze nandalo avao ro nana voninahitsy, le tsy hana voninahitsy mandilatsy noho zay va ze ela! ¹²Safe mana toky manahaky zay tsika, le tsy mahasaky vatany. ¹³Tsika ro tsy manahaky an'i Mosesy, ze nampisaro ty vatany tamy ty voaly, mba tsy hafaha ty olo lakon'Israely manenty azy mivanta amy ty fihafarà ty voninahitsy ze nandalo avao. ¹⁴Fa ty sain-drozy ro donto. Ndra le zisiky amy zao voaly zay le mbo mijano amy ty famakia ty fanenkea taloha eo. Tsy mivoha zay, safe amy i Kristy ao avao zay ro alà. ¹⁵Nefa ndra le amy zao aza, ndra ombia ndra ombia ro vaky ty lalà i Mosesy, le mampisaro ty fon-drozy ty voaly. ¹⁶Nefa laha mitoliky amy ty Tompo ty olo, le alà ty voaly. ¹⁷Sady ty Tompo ro Fanahy. Ze misy ty Fanahy ty Tompo, le misy fahafaha. ¹⁸Sady tsika iaby, tsy misarom-boaly, le mahita ty voninahitsy ty Tompo. Tsika le fa vaovao ho amy ty voninahitsy mitovy ze baka amy ty voninahitsy ho amy ty voninahitsy ao, ze baka amy Tompo, zay tsy ia fa ty Fanahy.

Chapter 4

¹Laha zay, safe zahay mana zay asa fanompoa zay, sady vo nahazo famalozam-po, le laginy zahay. ²Fa koa, tsy nenkenay fomba mahamenatsy rey noho tsy hita. Tsy miay amy ty fitaky zahay, sady mampiasa marina ty safan-Janahary. Amy ty fanoroa ty marina, zahay ro mibeko ty vatanay ty amy ty feo ty fieretsereta ty olo mba handesy amason-Janaary e. ³Fa laha voasaro ty filazantsaranay, zay le ho voasaro amy ze maty raiky avao rey. ⁴Amy ty toedraha mitsanga amin-drozy, ty njanahary ty tany iaby toy nahajiky say tsy minon-drozy rey. Vokatsy zay, tsy afaky mahita ty fahazava ty filazantsara ty voninahitsy i Kristy ndrozy, ze endrikin-Janahary. ⁵a zahay tsy manambara ty vatanay, fa i Kristy Jesosy manahaky ty Tompo, sady ty vatanay manahaky ty mpiasanareo noho ty amy i Jesosy. ⁶Fa Njanahary ro azy raiky ze nivola hozao iny: "Ty fahazava hipiriaky amy ty haiky ao." Ie nipiriaky tam-ponay ao, mba hanome ty fahaza ty fahaiza ty voninahitsin-Njanahary amy ty famonjea i Jesosy Kristy eo. ⁷Fa zahay mana hanana zay anay tavoara tanimanga, mba hazava fa ty hery bavata mandilatsy lavitsy ro ahin-Janahary fa tsy anay. ⁸Ampijalea amy ty fomba iaby zahay, fa tsy resy. Tsobo hevitsy zahay fa tsy atsiky famoizam-po. ⁹Enjehy zahay fa tsy nanenga. Vonoe zahay fa tsy rava. ¹⁰Manday amy ty varptany eo ty fahafatesa i Jososy zisiky any zahay, amy ze ty fiaina i Jesosy avao koa ro hiboaky amy ty vatany eo. ¹¹Zahay ze velo ro manday zisiky amy ty vatanay ao any ty fahafatesa i Jesosy, amy ze ty fiaina i Jesosy ro hiboaky amy ty vatanay olombelo eo. ¹²Laha zahay ty fahafatesa ro miasa amintsika ao, fa ty fiaina miasa aminareo ao. ¹³Fa zahay mana fanahy ty finoa mitovy manahaky ze voasoratsy hozao: ¹⁴"Nino zaho, sady le nivola zaho." Mino avao koa zahay, sady le nivola avao koa zahay. Hainay fa azy raiky ze nampitsanga ty Tompo Jesosy ro hampitsanga antsika avao koa miaraky amy i Jesosy. Hainay fa handay anay miaraky aminareo amy ty famonjea ao Ie. ¹⁵Ty raha-iaby ro ho ahy nareo mba, manahaky ty fahasoava vita paritaky tany ty olo lako, ro hitombova ty fanomezam-pisaora amy ty voninahitsin-Janahary ao. ¹⁶Laha zay le ho laginy zahay. Ndra le malemy ambaliky aza zahay, le anovy vaoavao isan'andro san'andro ty anainy ao. ¹⁷Fa amy andro mandalo zao, ty fijalea maiva ro manoma anay ho amy ty lanja ty voninahitsy ela zisiky farany ze mandilatsy ty fandanjà iaby. ¹⁸Fa tsika tsy manenty raha ze hita, fa raha tsy hita rey. Raha ze mety hitantsika rey ro tsy ela, fa raha ze tsy hita rey ro ela zisiky farany.

Chapter 5

¹Haintsika fa laha rava ty fonena an-tany eo ze ipetsahantsika, le mana tsano baka amin-Janahary tsika. Zay le tsano tsy nanovy ty tanan'olombelo, fa tsano zisiky farany, an-danitsy any. ²Fa amy tsano-lay toy eo tsika ro miay, maniry maré ty hisiky ty fipetsahantsika an-danitsy any. ³Maniry maré zay tsika safe amy ty fahasoavantsika zay ro ho tea mitanjaky tsika. ⁴Fa laha mbo amy ty tany toy eto tsano-lay vatany tsika, le miay, mavesats-enta. Tsy te hitanjaky tsika. Fa koa, te hisiky tsika, mba hately ty fiaina ze mety maty. ⁵Azy Raiky ze nanoma antsika ho amy raha bibike zay iny le Njanahary, ze nanome antsika ty Fanahy ho fanambara ze ho avy. ⁶aha zay le mahatoky zisiky any. nandiniky fa lafa an-tsano amy ty vata ao tsika, le lavitsy ty Tompo. ⁷Fa mandeha amy ty finoa tsika, fa tsy amy ty fahita. ⁸Laha zay le mana fatokisa tsika. Aleontsika lavitsy ty vata faan-tsno ao miaraky amy ty Tompo. ⁹Ka le anovintsika raha tsarsary zay, ndra an-tsano tsika ao ndra lavitsy zay, mba hahasoa Azy. ¹⁰Fa tsika iaby le tsy maintsy hiboaky aloha ty seza fitsarà i Kristy eo, mba mety ahazoa ty kirai-draiky ze mifanaraky amy raha-vita tany ty vata rey ao, ndra ho amy ty soa ndra ho amy ty raty. ¹¹Laha zay, ty fahaiza ty tahotsy ty Tompo, ro handreseantsika lahatsy ty olo. Ty maha tsika antsika ro hitan-Janahary mazava. Antenako fa mazava amy ty feo ty fieretseretanareo avao koa zay. ¹²Tsy miezaky ty handresy lahatsy anareo ndraiky zahay mba hanenty anay manahaky ty mahity fo. Fa koa, manome antoky ho ahy nareo hirengerengea noho ty aminay zahay, mba hanananareo valin-tsafa ho ahy ze mirengirengy amy ty endriky ambaliky fa tsy ty amy ze am-po ao. ¹³Fa laha gegy zahay, le ho an-Jnahary zay; sady laha mimpoly soa ty sainay, le ho ahy nareo zay. ¹⁴Fa ty fitiava i Kristy ro manao forose anay, safe azonay antoky tb hozao: nisy olo raiky maty ho ahy ty iaby, sady laha zay le maty ty iaby. ¹⁵Maty le ho ahy ty iaby, mba tsy ho velo ho ahy ty vatan-drozy sasy ze velo fa ho Azy ze mety sady nantsanga noho ty fitiava androzy rey. ¹⁶Laha antony zay, manomboky zao le tsy mitsara ndra ia ndra ia manahaky ty fomba ty olombelo tsika, ndra le fa nanenty an'i Kristy manahaky tsika zay aza tsika taloha. Fa amy zao tsika ro tsy mitsara ndra ia ndra ia manahaky zay sasy. ¹⁷Laha zay, laha misy olo amy i Kristy ao, le olom-baovao ie. Fa lasa ty raha taloha rey. Indreto, fa nanjary vaovao ndrozy. ¹⁸Raha iaby rey ro baka amin-Janahary. Nampilongoany tany ty Vatany tany ty alala i Kristy tsika, sady nameany antsika ty asa fanompoa ty fampilongoa. ¹⁹Zay hoe, amy i Kristy Njanahary ao ro mampilongo ty tany iaby toy amy ty Vatany, tsy manisaky ty hadisoan-drozy amin-drozy. Na-ankiny taminay ty hafatsy ty fampilongoa. ²⁰Ka le voatondro ho mpanolom-bata i Kristy zahay, manahaky ty hoe amy ty alalanay ro hananovan-Janahary ty fikaihany. Mangataky anareo zahay, noho i Kristy: "Milongoa amin-Janahary!" ²¹Nanoviny nanjary soro ho ahy ty fahotantsika Kristy. Ie azy Raiky ze tsy nanota mihintsy iny. Nanovy zay mba ho avy fahamarinan-Janahary aminy ao tsika.

Chapter 6

¹Miara-kiasa aminy, zahay avao koa le mandrisiky anareo tsy handramby ty fahasoavan-Janahary fahantany. ²Fa nivola ie hozao: "Tamy ty fotoa mety ro nijanjy anareo Zaho, sady tamy ty andro ty famonjea ro nanampy anareo Zaho. Hentao, amy zao ro fotoa mety. Hentao, amy zao ro andro ty famonjea. ³Tsy mampipetsaky vato mampeloky alohan'ia ndra ia eo zahay, fa zahay tsy maniry ty haharaty laza ty asa fanompoanay. ⁴Fa koa, zahay ro manaporofy ty vatanay amy ty asanay iaby, fa mpiasan-Janahary zahay. Zahay ro mpiasany amy ty fiareta bevata, fojalea, faifitsy, fahasarota, ⁵vangoa rey, fanagadra, fiharoa, amy ty asa mahery, amy ty haly tsy misy roro, amy ty hamosary, ⁶amy ty fahadiova, fahaiza, fahareta, fahatsoram-po, amy ty Fanahy Masy, amy ty tena fitiava. ⁷Zahay ro mpiasany amy ty safa ty fahamarina ao, amy ty herin-Janahary ao. Zahay ro mana ty fiarova ty fahamarina ho ahy ty tanan-kavana noho ty havia. ⁸Zahay ro miasa amy ty voninahitsy noho amy ty fanalam-baraka, amy ty fanaratia noho ty fanompoa. Zahay ro azo ndraha ho mpamitaky nefa zahay ro marina. ⁹Zahay ro miasa manahaky tsy misy mahay reny nefa zahay ro mbo hain'olo. Miasa manahaky ty ho maty zahay hentao-mbo miay zahay. Miasa zahay manahaky ty sazia noho ty asanay nefa tsy manahaky ty voaheloky ho maty. Zahay ro miasa manahaky ty malahelo, nefa le mifaly lalandava. ¹⁰Zahay ro miasa manahaky ty mijaly, nefa le mampanan-kanana ty olo lako zahay. Miasa manahaky ty tsy mana ndra ino ndra ino zahay nefa manahaky ty mana ty raha iaby. ¹¹Zahay ro nivola ty marina iaby taminareo, Korintiana, sady ty fonay ro mivoha mivanavana. ¹²Ty fonareo ro tsy nifehezinay, fa nareo ro namehy fihetseham-ponareo manoka. ¹³Sady ho valiny ara-drariny aminareo manahaky ty amy ty aja zaho-vohao hivanavana ty fonareo. ¹⁴Ka mifamehy amy tsy mpino rey. Fa ino ro iaraha ty fahamarina noho ty fandikan-dalà? Fa ino ro iaraha ty mazava amy ty maiky? ¹⁵Ino ro mety ho fifanaraha amy i Kristy noho Beliala eo? Ndra ino ro tokony anjara anana ty mpino raiky noho amy ty tsy mpino raiky? ¹⁶Sady ino ro fifanaraha misy amy ty egilizin-Janahary noho ty sampy eo? Fa tsika ro egilizin-Janahary velo, manahaky ty fa nivolanin-Janahary hozao: "Hipetsaky amin-drozy eo Zaho sady handeha amin-drozy eo. Zaho ro ho Njanaharin-drozy sady Ndrozy ro fa ho oloko." ¹⁷Laha zay, " Miboaha hiala amin-drozy eo, sady mitoka," hoy ty Tompo. "Ka mikasiky raha maloto, sady Zaho handramby anareo. ¹⁸Zaho ro ho Raiky ho anareo, sady nareo ho anakilahiko noho anak'ampelako", hoy ty Tompo Tsitoha.

Chapter 7

¹Malalako rey, zisiky amy ty nanantsika ty safa fikasa rey le engao tsika hanadio ty vatantsika amy ty raha-iaby ze mahavy fahalotoa amy ty vata eo noho fanahintsika. Engao tsika hahazo ty fahamasina amy ty fatahora an-Janahary.²Rambeso zahay! Fa tsy nanao raty tamin'ia ndra ia. Tsy nandratsy ndra nanararaotsy ndra ia ndra ia zahay.³Tsy hanasazy anareo ro hivolanako zao. Fa nivolaniko fa amponay ao nareo, fa miara-maty sady miara-velo tsika.⁴Mana fatokisa bevata anareo zaho, sady mirengirengy noho ty aminareo. Atsiky fampionona zaho. Mijiajia ty hafaleako ndra le eo aza ty fampijalea iaby.⁵Lafa niavy ta Makedonia zahay, tsy hanam-pijanona ty vatanay. Laha zay, mijaly tamy y fomba iaby zahay noho ty fialia tambaliky any, noho ty tahotsy tanay ao.⁶Fa Njanahary, ze mampahery ty laginy, nampahery anay tamy ty fiavia i Titosy.⁷Tsy tamy ty alala ty fiaviany avao ro hampaherezan-Janahary antsika. Fa tamy ty fampahereza ze nirambesy i Titosy baka aminareo. Mivola antsika ie ty amy ty habeva ty fitiavanareo, ty alahelonareo, sady ty fiahianareo ahy laliky. ka le hifaly zisiky farany zaho.⁸Ndra le nampalahelo anareo aza ty taratasiko, le tsy nampaneny ahy zay. Fa naneny tamy zay zaho lafa nahita fa nampalahelo anareo ty taratasiko. Fa nalahelo tanay ty fotoa tsy ampy nareo.⁹Amy zao le faly zaho, tsy hoe safe mijaly nareo, fa safe ty alahelonareo ro nanday anareo ho amy ty fibebaha. Nareo ro niay ty fijalea amin-Janahary ao, ka le tsy nisy tsobo ty nijaleanareo ho ahy anay.¹⁰Ty fijalea amin-Janahary ao ro manday amy ty fibebaha ty mba hahatanteraky ty famonjea tsy misy fanantena. Ndra zay aza, ty alahelo ty tany iaby toy, le manday fahafatesa.¹¹Hentao ty vokatsy ty habey ty fijaleanareo tamy ty fijalea amin-Janahary ao. Bevata vatany ty habeavata ty fijalea taminareo ao mba hanaporofoa fa tsy manan-tsiny nareo. Bevata vatany ty habeavata ty helokinareo, ty tahotsinareo, ty alahelonareo, ty zotom-ponareo, sady ty fanirianareo ahita ty fahamarina ze tokony anovy! Amy ty raha-iaby ro nanaporofa tamy ty vatanareo nareo mba tsy ho meloky amy raharaha iaby zay.¹²Ndra le nanoratsy taminareo aza Zaho, Zaho ro tsy nanoratsy ho ahy ty mpanao raty rey. ndra ho ahy ty raiky ze miaritsy ty raty. Nonoratsy zaho mba tokony hampahay ty fazotoanareo taminay anilan-Janahary eo.¹³Tamy ty alala zay ro nampahereza anay. Mandilatsy noho ty fampahereza ze fa anananay, nihoa-papa ty fifaleany noho ty fifalea i Titosy, safe ty fanahiny ro velombelo noho ty aminareo iaby.¹⁴Laha hohatsy ka le nirengirengy taminy ty mikasiky anareo zaho, le tsy mba afa-baraka zaho. Mifanohitsy amy zay, raha iaby ze nivolaninay taminareo rey le marina iaby, ty firengerengeanay mikasiky anareo tamy i Titosy le voaporofa fa marina.¹⁵Ty fitiavany anareo ro bevata vatany, manahaky tg nahatiarovany ty fankatoavanareo iaby, Hentao ty fandrambesanareo azy tamy ty tahotsy noho fangitikitiky.¹⁶Faly zaho safe mana fatokisa tanteraky taminareo.

Chapter 8

¹Teanay ho hainareo, rahalahy, ty mikasiky ty fahasoavan-Janahary ze namea tamy ty egilizy i Makedonia rey ao.

²Tanay ty fitsapa bevata amy ty fijalea, ty fitobaky ty hafaleany noho ty fara-fijalean-drozy le niteraky hanana-bevata ty fatariha-tana.³Safe mitsanga vavolombelo zaho fa nanao bey tokony ze vitany ndrozy, sady mandilatsy an'i z vitany aza. Sady tamy ty sitsapon-drozy manoka⁴ noho niaraky tamy ty fangataha mahery ro nangatahan-drozy taminay ty fahafaha mba hana anjara amy asa fanompoa amy ty mpino toy reo eo.⁵Tsy niboaky manahaky ze nantenanay zay. Fa koa, nanome ty vatany aloha tamin-Janahary ndrozy. Sady nanolo-tena ho ahy nay ndrozy tamy ty sitsapon-Janahary.⁶Ka le nandrisiky an'i Totosy zahay, ze fa nanomboky an'i asa zay, mba hanantanteraky ty fahasoava aminareo eo.⁷Fa nareo koa ro manan-kanana amy ty raha iaby, amy ty finoa, amy ty safa, amy ty fahaiza, amy ty fazotoa iaby, sady amy ty fitiavanareo anay. Ka anovo azo antoky mba hanan-kana amy asa fahasoava zay nareo. [Ty ULB noho ty UDB, miaraky amy dikan-tsafa lako hafa, le mivaky manao hozao: "Amy ty fitiavanao anay ao." Ty dikan-tsafa hafa ro mivaky manao hozao: "Sady amy ty fitiavanay anareo ao"]⁸Tsy mivola zay manahaky ty lily zaho. Fa koa, mivola zay zaho amy ty fitsapa ty fahamarina ty fitiavanareo amy ty fampita zay amy ty zotom-po ty olo hafa.⁹Safe hainareo ty fahasoava ty Tompontosika Jesosy Kristy. Ka le ndra nanan-kanana aza ie, le nanjary nijaly noho nareo, ka le amy ty fijalea ro mety azahoanareo hanana.¹⁰Amy resaky zay ro hanome toro-hevitsy anareo zaho ze hanampy anareo. Tao raiky any zay, ro tsy nanomboky nanao raha avao nareo, fa naniry ty manao zay.¹¹Amy zao vitao zay, manahaky ty nisiasy ty zotom-po noho ty faniria hanao zay, le enga anie hanatanteraky zay koa nareo, manahaky ze azonarreo hanovy.¹²Safe laha maniry maré ty hanao asa zay nareo, le raha soa noho azo enke zay. Tsy maintsy mahazo amy ze hananz ty olo raiky zay, fa tsy ze tsy ananany.¹³Fa asa zay ro tsy mba handratia ty hafa sady hanavesara anareo. Fa koa, tokony hisy ty rariny.¹⁴Ty hanananareo amy fotoa zao le hanome ze ilan-drozy. Ka le zay koa ro mba hanomeza ty hananan-drozy ze ilanareo. Sady mba anomezan-drozy ty rariny¹⁵Manahaky ze fa voasoratsy hozao: "azy raiky ze nanao lako iny ro tsy nana ambiny, sady azy raiky ze nana ty kelikely iny ro tsy nana ty tsy ampy."¹⁶Fa Njanahary ty fisaora, zecnametsaky ty tam-po i Titosy ao ty fahamatora ze ananako aminareo.¹⁷Fa ie tsy nanenky avao ty antsokosoko, fa tena matotsy ty amy zay avao koa. Namonjy anao tamy ty sitsapony manoka ie.¹⁸Nalefanay ie niaraky tamy azy rahalahy ze nitompoe tanivo ty egilizy iaby iny noho ty asany ze mitory ty filazantsara.¹⁹Tsy zay avao, fa ie avao koa ro nitondroe ty egilizy mba handeha hiaraky aminay handay asa ty fatari-tana zao. Zay ro ho ahy ty voninahitsy ie Tompo sady ho ahy ty fanirianay hanampy.²⁰Miemy zahay ty amy ty mety hisia ty olo mitoreo mombanay mikasiky asa fatari-tana ze hanovinay io.²¹Ka le mila miemy zahay mba hanao ty mety, fa tsy anila ty Tompo eo raiky avao, fa aloha ty olo eo koa.²²Mandefa rahalahy raiky hafa avao koa zahay miaraky amin-drozy. San'andro zahay ro nitsapa azy, sady nahita azy mafana fo tamy ty asa lako. Mazoto vatany ie amy zao noho azy fatokisa bevata ze anananay aminareo iny.²³Laha ty amy i Titosy, ie ro namako noho mpiara-miasa amiko ho ahy nareo. Laha ty amy ty rahalahinzy, le nalefa egilizy rey ndrozy. Voninahitsy ho ahy Kristy ndrozy.

²⁴Ka le atoro androzy ty fitiavanareo, sady atoro amy ty egilizy ty anto ty firengirenginay mikasiky anareo.

Chapter 9

¹Mikasiky ty asa fanompoa ho ahy ty mpino, tsy tena ilako ty manoratsy ho ahy nareo. ²Haiko ty mikasiky ty fanirianareo, ze irengerengeako amy ty olo i Makedonia. Nivolaniko androzy fa Akaia ro fa vonona nanomboky tamy ty tao lasa. Ty zotom-ponareo ro nanosiky ty halakoan-drozy hiasa. ³Sady nirahiko ty rahalahy mba tsy ho rava ty firengirengin-tsika mikasiky anareo, sady mba ho vonona nareo, manahaky ty fa nivolaniko ho anareo, manahaky ty fa nivolaniko ho ahy nareo. ⁴Laha tsy zay, laha misy Makedoniana lako miaraky amiko sady mahita anareo mbo tsy vonona, le ho menatsy tsika-tsy mivola ndra ino ndra ino mikasiky anareo zaho-noho ty fatokisa anareo. ⁵Ka le mieritseritsy zaho fa ila ty mandrisiky rahalahy rey hana aminao any sady hanao fifanaraha aloha ty amy ty fanomeza fa nampanantenanao. Zay ro afaha mivonona manahaky ty fitahia, fa tsy manahaky ty raha tsy azo enke. ⁶Ty tena ie le toy: Ty raiky ze mandraraky kelikely ro hahazo kelikely avao koa, sady ty raiky ze mandraraky amy ty tanjom-pitahia ro hahazo fitahia avao koa. ⁷Engao ty kirai-draiky hanome mahahaky ze fa napitiko tam-pony ao. Ka enga manome fijalea ndra ty tsy tendiky ie. Fa ty mpanome am-pifalea ro tean-Janahary. ⁸Sady Njanahary ro afaky mampitombo ty fitahia ho ahy nao, mba, amy ty raha iaby, le afaky hahazo ze ilanareo iaby zisiky farany nareo. Zay ro misy le mba hafahanareo mampitombo ty asa soa nareo. ⁹Zay ro manahaky ty voasoratsy hozao: "Nizarany hananany rey sady nanome androzy reny ho ahy ty mijaly. Ela zisiky farany ty fahamarinany. ¹⁰Ie ze mizara voa ho ahy ty mpamboly ze mandraraky noho ty mofo ho ahy ty hany, le hizara noho hampitombo ty voanao avao koa ho amy ty fandraraha. Hampitombo ty vokatsy ty fahamarinanao ie. ¹¹Hahazo hanana amy ty fomba iaby iha mba hahavy anao ho hatari-tana. Zay le handay fanoroam-pisaora an-Janahary amy ty alalany. ¹²Ty fanantena asa fanompoa io ro tsy vita ty hoe maha atsiky ty raha ila ty mpino avao. Mitombo avao koa zay amy ty asa fanomezam-pisaora an-Janahary lako. ¹³Fa noho ty fanohara anareo ze voaporofa amy asa io, le hanome voninahitsy an-Janahary loa nareo amy ty fankatoava ty fibabohanareo amy ty filazantsara i Kristy. Le hanome voninahitsy an-Janahary ka le nareo amy ty fahalalahan-tananareo amy ty fanomeza ho androzy noho ty olo-iaby. ¹⁴Maniry anao zay ndrozy, sady mivavaky ho ahy nao ndrozy, Manao zay ndrozy noho ty habey ty fahasoavan-Najahary aminao ao. ¹⁵Ho ahy Njanahary lahy ty saotsy noho ty fanomeza tsy hay volany!

Chapter 10

¹Zaho, Paoly, mangataky anareo ty vatako, amy ty fampijotsoam-bata noho hamoram-panahy i Kristy. Malemy fanahy zaho lafa amy ty fanatsehanareo eo, nefa tsy mahasaky ty aminareo zaho lafa tsy eo. ²Mangataky aminareo zaho, lafa miarakany aminareo zaho, tsy mila mahasaky amy ty fatokisam-bata. Nefa zaho mieritseritsy fa mila mahasaky manohitsy ze midiniky rey fa tsika ro miay manahaky ty nofotsy.³Fa ndra zay aza ke mandeha manahaky ty nofotsy zahay, tsy mialy manahaky ty nofotsy. ⁴Fa ty fialia ze ialiany ro tsy ara-nofotsy. Laha zay, mana hery baka an-danitsy any mba hamoteha ty fanahy raty. Fa tsy manday ndra ino ndra ino ty hevi-pitakin-drozy.⁵Ho simbatsika avao koa raha abo rey ze mampitsanga fanohera ty fahaiza an-Janahary. Fa midiniky ty hanasazy ty kirai-draiky amy ty fankatoava an'i Kristy tsika. ⁶Sady mioma amy ty fanasazia ty fihetsiky ty fankatoava iaby tsika, vatahy vo tanteraky ty fankatoavanareo.⁷enteo mazava ze alohanareo eo. Fa ndra ia ndra ia ro resy lahatsy fa ie ro Kristy, engao hampahatiaro ty vatany ie fa ie vatany ro Kristy, le manahaky zay koa tsika. ⁸Eka fa ndra le mirengirengy kelikely aza zaho mikasiky ty fahefantsika, ze namea ty Tompo antsika mba hampitsanga sady tsy hanimba anareo, tsy ho menatsy zaho.⁹Tsy teako zay ty hampihorohoro anareo amy ty alala ty taratasiko. ¹⁰Fa ty olo ilany nivola hozo: "Matotsy noho mahery ry taratasiny, nefa malemy ara-bata ie. Tsy maeva ho janjiny ty safany."¹¹Engao ty olo raiky hahay fa safy amy ty taratasy ao tany ty fotoa tsy nahateo anay rey le manoro ty asa tokony ho anovinay lafa avy any zahay. ¹²Tsy mandeha lavitsy zahay ndra mampitovy ty vatany amy ze mitolim-bata. Fa laha mandrefy ty vatany amy ty hafa ndrozy sady mampitovy ty vatany amy th hafa, le tsy hailo.¹³Tsika, ndra zay aza, tsy hirengirengy mandilatsy ty tokony ho ie. Fa koa, anovinay avao zay ze misy farany manahaky ty nitondroan-Janahary anay, farany ze mikasiky anareo. ¹⁴Fa tsy miemby ty vatanay zahay lafa avy aminareo eny. Zaho ro avy velohany zisiky aminareo any niarakany amy ty filazantsara i ke.¹⁵Tsy nirengirengy mandilatsy ty farany tsika ty mikasiky ty asa ty ilany. Nefa koa, antenanay fa hitombo ty finoanareo amy ty asa bevata mandiny ty antsika, sady samby amy ty farany iaby. ¹⁶Fa zao ro antenanay, mba afahanay mitoro ty filazantsara ndra le amy ty toera lavitsy anareo any aza. Tsy hirengirengy ty mikasiky ty asa fa vita tany ty farany hafa any tsika.¹⁷"Nefa engao ty raiky mirengirengy, hirengirengy amy ty Tompo ao."¹⁸Fa tsy azy raiky ze manome ty vatany iny ro ankatoavy. Nefa koa, engao azy raiky ze namea ty Tompo.

Chapter 11

¹Maniry zaho mba hafahanareo manenga ahy hanao hadala kelikely ilany. Fa tena manenga ahy vatany nareo!

²Fa saro-piaro ty mikasiky anareo zaho. Mana fahasaratampiaro manahaky an-Janahary aminareo zaho, zisiky amy ty nanomezako toky anareo zao tamy ty fanambalia ao ho ahy ty valy raiky avao. Nanome toky zaho ty hanome anareo manahaky ty ajam-pela kelikely malio ho ahy i Kristy.³Fa matahotsy zaho tsy noho, hanahaky ty namitaha ty menara an'i Eva tamy ty alala ty failony, ty eritseritsinareo le mety hiala amy ty fanomezam-bata amy hantsoram-po noho malio amy i Kristy.⁴Fa diniho hoe misy olo raiky avy hitory Jesosy hafa noho azy raiky torintsika iny. Nrra riniho hoe mandramby Fabpnahy hafa noho ze rambesinareo nareo. Ndra diniho hoe mandramby filazantsara hafa noho azy raiky ze nirambesinareo nareo. Manenga raha raiky soa avao reny nareo!

⁵Safe mieritseritsy zaho fa tsy farany ambany noho volany fa hoe apostoly anabo rey.⁶Fa ndra le tsy nisara nandeha-maba zaho, le nizara tamy ty fahaiaza. Tamy ty fomba iaby noho tamy raha iaby rey le nanovinay ho hainareo zay.⁷Moa nanota va zaho tamy ty fanetsem-batako mba hisondrotanareo? Fa nitory ty filazantsaran-Janahary amy zao avao ho ahy nareo zaho.⁸Nandrava egilizy hafa rey zaho tamy ty alala ty fanenkea fanohana baka amin-drozy mba afahako manompo anareo.⁹Lafa niaraky taminareo zaho noho nila fanampea, le tsy nanavesatsy ndra ia ndra ia. Fa raha nilako rey ro namea m0irahalaky ze niavy ta Mekedonia any rey. Tamy ty raha iaby le niemby ty vatako tsy ho enta-mavesatsy aminareo zaho, sady hanohy hanao zay.¹⁰Laha amiko ato ty fahamarina i Kristy, le tsy hivola firenea zay amy ty faritsy i Akaia any.¹¹Nanino? Safe tsy teako va nareo?

Njanahary mahay.¹²Sady ty raha anoviko ro mbo hanoviko avao, mba mety afahako mangalky ty fitereva noho ty fitsikoa ahy noho ty fitoreva noho ze tean-drozy hirengirengy rey—fa ndrozy ro hita manao asa mitovy amy ze anovinay.¹³Fa ty olo manahaky zay le apostoly sandoky noho mpiasa mamitaky. Ndrozy ro manao sarintsary ty vatany manahaky ty apostoly i Kristy.¹⁴Sady zay ro tsy mahatseriky, fa ndra ty satana aza manoro ty vatany manahaky ty anjely ty fahazava.¹⁵Tsy mahatseriky sasy laha manoro ty vatan-drozy manahaky ty mpiasa ty fahamarina mpiasany rey. Ty anjaran-drozy ro ze maeva ty asan-drozy.¹⁶Volaniko ndraiky hozao: "Ka enga hisy hieritseritsy ho adala zaho. Fa laha manao zay nareo, le rambeso manahaky ty adala zaho ka mba hirengirengy kelikely.¹⁷Ze volaniko mikasiky fatokisa mirengirengy toy ro tsy manahaky ty volany ty Tompo, fa mivola manahaky ty adala zaho.¹⁸Fa lako ty olo ro mirengirengy manahaky ty nofotsy, le mirengirengy avao koa zaho.

¹⁹Nanenky am-pifalea adala rey nareo. Le hoe hendry ty vatanareo!²⁰Fa mandefitsy amy ty olo nareo laha manandevo anareo, mandany anareo, mananaraotsy anareo, mandramby ty vatany ho anabo noho nareo, ndra laha mamango tampify anareo ie.²¹Ho volaniko amy ty fanalam-baraka fa mamango maré zahay tamy ty fananova zay. Laha misy mirengirengy— le miresaky manahaky ty adala zaho—Zaho avao koa ro hirengirengy.

²²Hebreo va ndrozy? Zahao avao koa. Israelita va ndrozy? Zaho avao koa. Tariha i Abrahama va ndrozy? Zaho avao koa.²³Mpiasa i Kristy va ndrozy? (Miresaky manahaky ty olo tsobo say zaho.) Mandilatsy noho zay zaho.

Mbo niasa maré nandilatsy noho zay aza zaho, tan-gadra ao san'andro, tamy ty vangoa ty fepetsy, tamy ty famonjea loza lako mahafaty.²⁴Baka amy ty alala i Jiosy ro nandrambesako "Vangoa efapolo latsaky raiky" Indimy.

²⁵Nntelo zaho ro nivangoa tamy ty hazo. Indraiky zaho ro nitoraha-vato. Intelo zaho ro vaky sambo. Nandany ray aly noho ndraik'andro tan-driaky eny zaho.²⁶Nandeha san'andro zaho, tamy ty loza ty reny rano, tamy ty loza mpandrava rey, tamy ty loza ty oloko manoka, tamy ty loza Jentilisa rey, tamy ty loza tamy ty tanà any, tamy loza tambaliky any, tamy tybloza tan-driaky any, tamy ty loza baka amy rahalahy sandoky rey.²⁷Fa tamy ty asa mahery noho raha-sarotsy zaho, tamy ty haly tsy misy roro, tamy tyhamosary noho hamarandrano, tamy ty fifalian-kany san'andro, tamy ty nintsy noho fitanjaha.²⁸Ankoatsy ty raha hafa, misy tsindry isan'andro amiko noho ty fanahiko amy ty egilizy iaby.²⁹Ia ro malemy, ka le tsy malemy zaho? Ia ro mampeloky, ka le tsy mirehitsy zaho?³⁰Laha tsy maintsy mirengirengy zaho, le hirengirengy mikasiky ze manorao fahalemeko rey.³¹Azy Njanahary noho Ray i Tompo Jesosy iny, azy raiky ze tompoy zisiky farany iny, le mahay fa tsy mavandy zaho!³²Ta Damaskosy any, ty governora ambany i Areta mpanjaka ro niemby ty tanà i Damaskosy mba hanambotsy ahy.³³Fa nampijotso tamy ty sobiky tamy ty lafonety raiky tamy ty vala eo zaho, ka le nilay ty tanany.

Chapter 12

¹Zaho ro tsy maintsy mirengirengy, fa tsy misy ndra ino ndra ino azo baka amy zay. Fa zaho ro hanohy ty amy fahita noho fanambara baka amy ty Tompo rey. ²Mahay lahilahy amy i Kristy ao zaho ze folo efatsy amby tao fa lasa zay—ndra amy ty vata ndra ambaliky vata, zaho tsy mahay, Njanahary mahay ---nala niakatsy tamy ty lanitsy faha telo. ³Sady haiko fa lahilahy io—ndra amy ty vata ao, ndra ambaliky ty vata, zaho tsy mahay, Njanahary mahay --- ⁴le nala niakatsy tamy ty paradisa sady naharé raha ze tena masy maré amy ty olo ty hivola azy. ⁵Amy ty anara ty olo manahaky zay le hirengirengy zaho. Fa amy ty anara ty safako ro tsy hirengerengea zaho, hafa-tsy ty mikasiky fahalemeako rey. ⁶Lafa te hirengirengy zaho, le tsy ho adala zaho, fa te hivola ty marina. Fa hifehy tena amy ty ty firengirengy zaho, mba tsy hisy ndra ia ndra ia hidiniky ahy ho anabo noho ze hita amiko ndra re baka amiko. ⁷Hifehy tena amy ty firengerengea avao koa zaho noho karaza fanambara miavaky rey. Laha zay, mba tsy ho atsiky firengerengea zaho, le nasia fatiky ty nofotsiko, ty mpanday hafatsy i Satana hanakoronta ahy, mba tsy hirengirengy maré zaho. ⁸Intelô zaho ro nangataky tamy ty Tompo ty mikasiky zay, mba hangalà zay amiko. ⁹Fa hoy ie tamiko hozao: "Ampy ho anao ty fahasoavako, fa ty hery ro nanovy ho lafatsy amy ty fahalemea ao." aleoko mirengirengy bevata maré ty amy ty fahalemeko, mba hipetsaha ty hery i Kristy amiko ato. ¹⁰Laha zay faly noho i Kristy amy ty fahalemea ao, amy ty fanivativa, amy ty koronta, amy ty faniana sady amy ty fotoan-tsarotsy ao zaho. Fa ndra ombia ndra ombia malemy zaho, le matanjaky. ¹¹Zaho ro nanjary adala! Nareo ro nanao forose ahy amy zay, fa zaho ro tooony nitomponzreo. Fa zaho ro tsy ambany noho ze kaihe hoe apostoly anabo rey mihintsy, ndra le tsy misy dikany aza zaho. ¹²Fahaiza marina rey ty maha Apostoly le nitanteraha taminareo eo tamy ty fahareta tanteraky, fahaiza noho hatsereha sady asa mahery. ¹³Fa ino nareo ro tsy le manan-danja noho egilizy ilany rey, ankoatsy ty tsy maha vesatsy ahy ho ahy nareo? Manenga ahy noho hadala zay! ¹⁴Ingo! Vonona ho avy fanintelony aminareo any zaho. Tsy ho bevoka ho anareo zaho, fa zaho ro tsy mila ze anareo. Nareo ro ilako. Fa tsy ty anaky ri tokony hihary ho ahy ty ray aman-Dreny. Fa koa, ray aman-Dreny rey ro tokony hihary ho ahy anaky rey. ¹⁵Zaho ro faly tanteraky handany noho holan'ny ho ahy ty fanahinareo. Laha mitea bey anareo zaho, le hotiaviko kelikely va zaho? ¹⁶Fa ndra le manahaky zay aza, tsy nanavesatsy anareo zaho. Fa, safe zaho mailoilo maré, le zaho azy raiky ze nahazo anareo tamy ty firaky iny. ¹⁷Moa va nanararaotsy anareo tamy ty alala tybolo ze nalefako taminareo zaho? ¹⁸Naniraky malaky an'i Titosy ho aminareo any zaho, sady nalefako niaraky taminy rahalahy ilany rey. Moa va nanararaotsy anareo i Titosy? Moa va tsy miharo lala tsika? Moa va tsy niharo lia tsika? ¹⁹Moa va mieritseritsy anareo fa tanay fotoa iaby zay le niaro ty vatany taminareo zahay? Anilan-Janahary eo, ro ivolanany tamy i Kristy ao ty raha iaby mba fampahereza anareo. ²⁰Fa mahtahotsy zaho tsy noho lafa avy zaho le maty tsy hahita anareo manahaky ty fanantenako. Matahotsy zaho tsy noho tsy ho hitanareo manahaky ty fanantenanareo. Matahotsy zaho fa tsy noho le mety hisy fifamalia, faniria amy ty fitiavan-tena, fifosa, firengirengy, sady fikorontana. ²¹Matahotsy zaho tsy noho lafa mimpoly, le hampijotso ahy anilanareo eo ty Njanahariko. Matahotsy zaho tsy noho mety halahelo ty amy ty lako ze nanota taloha eo, ka le mbo tsy nirengirengy tamy ty fahalotoa noho ty faherezaloha sady ty fijejojejoa atsiky fanirian-draty ze nanovin-drozy.

Chapter 13

¹anintelony zao ro nandalovako aminareo atiy. " Ty raha mahazo iaby le tsy maintsy miory amy ty porofo amy ty vavolombelo roe ndra telo." ²Fa nivola tamy ze nanota taloha rey ao noho tamy ambiny iaby rey lafa fanindroeny, sady volaniko ndraiky zay: " Lafa avy ndraiky zaho, le tsy haferinay androzy zaho." ³Mivola anareo zay zaho safe nareo le mila porofo fa i Kristy ro mivola amy ty alalako. Tsy momoky aminareo Ie. Fa koa, mahery aminareo ao Ie. ⁴Fa Ie nahanto amy ty fahalemena, nefa velo tamy ty herin-Janahary. Fa tsika koa ro mommoky aminy ao, nefa tsika ro miaraky-miay amy ty herin-Janahary anivonareo eo. ⁵Diniho ty vatanareo laha teanareo ho hita fa amy ty fino nareo ao. Tsapao ty vatanareo. Tsy mbo azo nareo an-tsay va mikasiky ty amy ty vatanareo zay fa i Jesosy Kristy ro aminareo ao? -Laha hohatsy ka le tsy nimety tamy ty fanohara. ⁶Sady zaho matoky fa nareo ro hiaiky fa tsika ro nimety amy fanohara zay. Amy zao tsika ro mivavaky amin-Janahary fa tsy afaky ty hanao raha raty nareo. Zaho ro tsy mivavaky ty afaky ahlita fa tsika ro homety amy ty fanohara. Fa koa, zaho ro nivavaky ty mba ahafahanareo manao ze mety nefa tsika ro mety ho hita hanahaky ty tsy homety tamy ty fanohara. ⁷Fa tsika ro tsy afaky ty hanao raha manohitsy amy ty fahamarina, fa ho ahy ty fahamarina raiky avao. ⁹Fa tsika ro mifaly lafa momoky sady mahery nareo. Fa tsika avao koa ro mivavaky mba hanovintsika atsiky anareo. ¹⁰Manoratsy raha reto zaho laha manalavitsy anareo zaho, ka lafa miaraky amiareo zaho le tsy voatery manday anareo amy ty maifotsy amy ty fampiasa ty fahefako-ze namea ty Tompo ahy, mba ampitsanganako anareo, sady tsy hanimba anareo. ¹¹Farany, rahalahy, mifalea! miasa ho amy ty famenara amy ty velohany, mahereza, mifanenkea ty kirai-draiky, miaina am-piadiana, sady ty Njanahary ty fitiava noho ty fiadana ro hiaraky aminareo. ¹²Mifampiharaba nareo amy ty fanorofa Masy. ¹³Mpino iaby rey le manao veloma ananareo. [Fanamariha: dikan-tsafa ilany rey ro mampiharobty andininy faha 13 amy ty andininy faha 12 sady manao ty andininy faha 14 ho andininy faha 13.] ¹⁴Enga anie ry fahasiava ty Tompo Jesosy Kristy, ty fitiavan-Janahary, noho ty fiaraha amy ty Fanahy Masy ho aminareo iaby ao.

Galatians

Chapter 1

¹Pqoly, apostoly _ tsy apostoly baka amy ty olo ndra tamy ty alala ty olo, fa baka amy i Jesosy Kristy noho azy Njanahary Ray iny, ze nampitsanga Azy tamy maty _ ²sady rahalahy iaby miaraky amiko rey, ho ahy egilizy ty Galatiana rey: ³ahasoava ho aminareo sady fiadana baka amin-Janahary Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo, ⁴ze nanome ty vatany ho ahy ty fahotantsika mba hana-fanahy antsika amy andro ty faharatantsika zao, manahaky ty sotsapon-Janaharinteika noho Babantsika, ⁵ho an'Azy lahy ty voninahitsy zisiky farany mare. Ameny. ⁶Tseriky zaho hoe niala malaky tamy azy nikaiky ahareo famy ty fahasova i Kristy iny nareo. ⁷Tseriky zaho fa mitoliky ho amy ty iny say fa misy filazantsoa hafa, fa misy olo lako ze manday fikorontana ho ahy nareo sady ta hanova ty filazantsoa i Kristy. ⁸ndra zahay ndra anjely an-danitsy any aza ro hanambara filazantsoa hafa aminareo noho ze nanambaranay taminareo, le engao ie ho voahozo. ⁹Manahaky ze nivolaninay taloha, le amy zao zaho manambara ndraiky hozao: " Laha misy olo manambara aminareo filazantsoa hafa noho ze nirambesinareo, le engao ie ho voahozo." ¹⁰Moa va zahao amy zao mila ty fankatoava ty olo sa Njanahary? Moa va zaho mila ze hampifaly ty olo? Laha mbo manohy miezaky ty hampifaly olo zaho, le tsy mpiasa i Kristy. ¹¹Fa teako ho hainareo, rahalahiko e, fa ty filazantsoa ze nambarako le tsy filazantsoan'olombelo. ¹²Tsy nandramby zay tamin'olo zaho, ndra nampoanary ahy zay. Fa koa, zay le vanambara i Kristy Jesosy tamiko. ¹³Fa nareo nahare ty amy ty fiainako taloha tamy ty fomba fovavaha Jiosy, noho ty fomba nanenjehako ty egilizin-Janahart mandilatsy ty tokony ho ie sady ty fiezahako handrava zay. ¹⁴Nandroso tamy ty fivavaha ty Jiosy zaho nandilatsy ty lako tamy nitovy fao tamiko rey, baka amy ty mitovy firenea amiko. Manahaky zay ty fomba nitanjahako mare fomban-drazako rey. ¹⁵Nefa Njanahary, ze nanoka ahy zisiky an-tsarotson-dreniko any, sady nikaiky ahy tamy ty alala ty fahasovany, ¹⁶lafa faly ty hampitoro ty Anakilahiny amiko, mba hanafahako manambara y amy Jentilisa any, le tsy nangalaysay tamy ty nofotsy noho lio direkita zaho. ¹⁷Tsy niakatsy ta Jerosalema any ho amy fa lasa Apostoly talohako zaho. Fa koa, nandeha ta Arabia any sady bakeo le nimpoly ta Damaskosy any zaho. ¹⁸Sady telo tao tafara le niakatsy ta Jerosalema any mba hifankahay tamy i Kefasy zaho sady nijano niaraky taminy anay ty folo limy andro. ¹⁹Fa tsy nisy hitako Apostoly rey ankoatsy an'i Jakoba, azy rahalahy ty Tompo iny. ²⁰Sady amy ze soratiko ho ahy nareo ao, le manome toky anareo zaho anilan-Janahart eo, fa tsy mavandy zaho. ²¹Bakeo zaho le nandeha gamy ty faritsy i Syria noho Kilikia any. ²²Tsy mbo hay tamy egilizy i Jodia rey eo ze amy i Kristy ao zaho. ²³Ren-

drozy avao ze voalaza hozao: "Azy lahilahy ze nanenjiky antsika fa ela amy zao iny le manambara azy finoa ze niezahany nitoroe taloha." ²⁴Laha zay ndrozy le nanompo an-Janahary noho ty amiko.

Chapter 2

¹Folo efatsy amby tao tafara ato le niakatsy ta Jerosalema any ndraiky zaho niaraky tamy i Barnabasy, le nanday an'i Titosy niaraky tamiko. ²Niakatsy tany noho ty fanambara raiky zaho sady nametsaky tamin-drozy eo ty filazantsoa ze ambarako amy Jentilisa rey. Niaraky mitoka tamy ze nidinihy ho manan-danja zaho, mba hahazoa antoky fa tsy nilay _ ndra fa nilay _ tsobo fahantany zaho. ³Fa ndra Titosy aza, ze niaraky tamiko ro sady Grika, le niforiseva ho vita savatsy. ⁴Nilitsy moramora rahalahy sandoky rey mba hitsikilo ty fahafaha anananay amy i Kristy Jesosy ao. Naniry ty hanandevo anay rozy, ⁵fa tsy nety ty hanaiky androzy ndra le fotoa tsy ampy aza zahay, mba hipetsaha ty fahamarina ty filazantsoa aminareo. ⁶a ze nidinihy ho manandanja rey (ndra ino ndra inondrozy le tsy mampanino ahy, Njanahary ro tsy miangatsy) _ ambarako, ze dinihy ho manan-danja rey le tsy nanampy ndra ino ndra ino tamiko. ⁷Mifanohitsy amy zay, hitan-drozy fa nananky ty filazantsoa ho ahy ze tsy vita savatsy rey zaho, manahaky ty nanankina an'i Petera ty filazantsoa ho ahy ze vita savatsy rey. ⁸Fa Njanahary, ze niasa tamy i Petera ao ho amy ty maha-apostoly ho ahy ze vita savatsy rey, le niasa tamiko tato avao koa ho ahy Jentilisa rey. ⁹I Jakoba, Jefasy, sady Jaona, ze hay fa anay ty namboatsy ty egilizy rey, lafa nahay ty fahasoava ze namea ahy, le nanome ty tana ankavana ty fiharoa ho ahy noho Barabasy ndrozy. Nanovin-drozy zay mba hafahanay mana amy Jentilisa any, sady mba hafahan-drozy mana amy ze vita savatsy any. ¹⁰Nangataky avao ndrozy mba hahatiaro ty mijaly zahay, ze raha tena teako anovy vatany. ¹¹Falafa avy ta Antioka any i Kefasy, le nanohitsy azy tzmy ty tarehiny eo zaho safe voavola fa diso ie. ¹²Taloha ty niavia lahikahy ilany baka amy i Jakoba any rey, le tam-pihinana eo niaraky tamy Jentilisa rey i Kefasy. Fa lafa avy lahilahy rey, le nijano ie sady niala lavitsy an'i Jentilisa rey. Natahotsy ze nitaky fanavara rey ie. ¹³Ty sisa tamy Jiosy rey koa le niharo tamy fitsaram-belatsihy zay. Ndra i Barnabasy aza le voavio ty lala niaraky tamin-drozy tamy ty fitsaram-belatsihin-drozy. ¹⁴Fa lafa hitako fa tsy manoriky ty fahamarina ty filazantsoa ty fandaisam-batan-drozy, le nivola famy i Kefasy falohan-drozy eo iaby zaho hozao: "Laha Jiosy iha nefa miay manahaky ty Jentilisa fa tsy manahaky ty Jiosy, ino ro afahanao manao forise Jentilisa rey hiay manahaky ty Jiosy?" ¹⁵Tsika ro Jiosy tamy ty alala ty fahateraha fa tsy mpanota Jentilisa; ¹⁶haintsika nefa tsy misy olo hamariny ty asa ty lalà fa amy ty alala ty finoa an'i Kristy Jesosy. Tsika avao koa ro avy tamy ty finoa an'i Jesosy Kristy mba ho hamariny amy ty finoa an'i Kristy fa tsy amy ty asa ty lalà. Fa tsy hisy fa nofotsy ho hamariny amy ty asa ty lalà. ¹⁷laha hohatsy ka, mila ho hamariny amy i Kristy ao tsika, tsika avao koa, le hita fa mpanota , moa mandrisiky ty fahota sady va i Kristy? Tsy enke direkita! ¹⁸Fa laha mananga ndraiky raha fa niravako taloha rey zaho, le manaporofy ty vatako ho mpandiniky lalà zaho. ¹⁹Fa tamy ty lalà ro nahafatesako amy ty lalà, mba ho velo ho an-Janahary zaho. ²⁰hanto niaraky tamy i Kristy zaho. Tsy zaho sasy ro velo, fa i Kristy ro velo anaiko ato. Ty fiaina iainako amy ty nofotsy ao amy zao le iainako amy ty fino ty Anan-Janahary, ze tea ahy ka le nanome tyvatany ho ahy. ²¹Tsy maniliky ty fahasoava n-Janahary zaho, fa laha azo amy ty lalà ty fahamarina, le tsy misy antony ty nahafatesa i Kristy!

Chapter 3

¹alatjana Adala e! Ia ro nanosavy anareo? Tamasonareo eo bibiky ro nanoroa an'i Jesosy Kristy voahanto. ²Zao avao ro raha teako ianara aminareo: Nandramby ty Fanahy tamy ty asa ty lalà sa tamy ty finoa ze renareo nareo? ³Adala vatany va nareo? nanomboky tamy ty Fanahy nareo, le hijano amy ty nofotsy va amy zao? ⁴Moa niaritsy raha-lako tamy ty tsy misy antony va nareo_ fa laha tena raha-avao tokoa sady zay? ⁵Moa va ie ze manome ty Fanahy anareo noho manao asa mahatseriky aminareo eo le manao zay amy ty asa ty lalà, sa amy ty fijanina amy ty finoa? ⁶Manahaky an'i Abrahama " nino an-Janahary sady nisaina ho fahamarinany zay," ⁷le manahaky zay, haizo, fa ze amy ty finoa rey ro ana i Abrahama. ⁸Ty Soratsy Masy, nahita aloha fa Njanahary hanamarina Jentilisa rey amy ty finoa, le nanambara ty filazantsoa aloha tamy i Abrahama, nivola hozo: "Baka aminao ro hitahia ty firenea iaby." ⁹Ka le, ze amy ty finoa rey ro voatahy miaraky amy i Abrahama, azy olo ty finoa iny. ¹⁰Ze Mianky amy ty asa ty lalà rey ro ambany ty ozo ao; fa voasoratsy hozo: " Voaozo ze iaby tsy manenky ty raha iaby voasoratsy anay ty boky ty lalà ao, noho manao reny." ¹¹Amy zao le mazava fa tsy misy olo ze hamarina anilan-Janahary eo amy ty alala ty lalà, safe ty marina ro ho velo amy ty finoa. ¹²Fa ty lalà ro tsy manahaky ty finoa, fa koa, "Ty olo ze manao ty asa ty lalà ro tsy maintsy velo amy rey". ¹³Kristy nanavotsy antsika tamy ty ozo ty lalà tamy ty niaviany ho ozo ho antsika--- fa voasoratsy hozo: "Voaozo ze iaby mihanto amy ty hazo" _ ¹⁴mba ho avy amy ty Jentilisa ty fitahia i Abrahama amy i Kristy Jesosy ao, mba ho amy ty finoa ro ahazoantsika fampanantena ty Fanahy iny. ¹⁵Rahalahy e, engao zaho hivola manahaky ty fanovy ty olo. Amy ty fifanaraha anovy ty olo ao, tsy misy afaky mandrava ndra manampy ze ao, lafa tafapetsaky ty lalà zay. ¹⁶Sady fampanantena rey ro nivolany tamy i Abrahama noho tamy tarihany rey. Tsy mivola zay hozo: "ho ahy ty fariha," manondro olo lako, fa koa olo raiky avao, "ho ahy ty tarihako," le i Kristy. ¹⁷Sady zao ro teako ho volany: "Ty lalà, ze avy telo-polo noho efa-jato tao tafara tato, le tey haharava ty fanenkea ze fa napetsan-Janahary aloha. ¹⁸Fa laha baka amy lalà ty lova, le tsy baka amy ty fampanantena sasy zay. Fa Njanahary nanome zay an'i Abrahama tamy ty alala ty fampanantena. ¹⁹ino, moa, ty tanjo ty lalàko? Nasia zay noho fandikan-dalà rey, zisiky-iavia ty tariha i Abrahama amy ze nanova ty fampanantana eo. Ty lalà ro nanovy ty mpanalala raiky ho manan-kery tamy ty alala ty anjely. ²⁰Fa ty mpanalala ro midika olo mandilatsy ty raiky. Nefa Njanahary ro raiky. ²¹a va ty lalà manohitsy fampanantanan-Janahary rey? Sanatsia zay! Fa laha nisy lalà namea ze afaky manome fiaina, le baka amy ty lalà vatany ty fahamarina. ²²Fa ty Soratsy Masy nanagadra ty raha-iaby ambany ty fahota. Nanao zay Njanahary mba hanomeza ho ahy ze mino ty fampanantena rey ty hanavota antsika amy ty alala ty finoa an'i Jesosy Kristy. ²³Sady taloha ty niavia ty finoa, tsika ro nitandraha ho gadra tambany ty lalà ao, nigadra zisiky-piboaha ty finoa. ²⁴Ka le bakeo ty lalà ro nanjary miemby antsika zisiky-iavia i Kristy, mba ho voamarina amy ty finoa tsika. ²⁵Fa zao ro avy finoa zay, ka le tsy ambany ty mpiemby eo sasy tsika. ²⁶Fa nareo iaby ro anan-Janahary amy ty finoa an'i Kristy Jesosy ao. ²⁷Fa lako aminareo ze nanovy batisa tamy i Kristy ao, ro nandramby an'i Kristy. ²⁸Sady tsy misy sasy ndra Jiosy ndra Grika, ndra andevo ndra olo afaky, ndra lahilahy ndra ampela, fa raiky avao nareo amy i Kristy ao. ²⁹Ka laha an'i Kristy nareo, le tariha i Abrahama, noho mpandova manahaky ty fampanantena nareo.

Chapter 4

¹Mivola zaho fa ty mpandova, laha mbo aja ie, le tsy hafa amy ty andevo, ndra le tompo ty raha iaby aza. ²Nefa ie ro ambany fifeheza mpiemby rey eo noho mpanajary raha-sarotsy zisiky-iavia ty daty ze napetsaky ty babany rey. ³Ka le manahaky zay avao koa, tamy tsika mbo aja iny, le nandevozy lalà ty fitsipi-pianara ty tany iaby toy rey. ⁴Fa lafa avy ty fanatseha ty fotoa, le nandefa ty Anany Njanahary, ze nateran-ampela, nateraky tambany ty lalà ao. ⁵Nanao zay le mba hanavota ze ambany ty lalà rey, mba hafahantsika mandramby ty fanangana ho anaky. ⁶Sady safe anaky nareo, le nirahin-dranahary ho am-pontsika ao ty Fanahy ty Anany, ze mikaiky hozao: "Baba, Ray." ⁷Laha zay tsy andevo sasy iha, fa anaky, sady laha anaky, le mpandova amy ty alalan-Janahary avao koa iha. ⁸Fa tamy fotoa zay, tamy nareo tey nahay an-Janahary, le nanovy zay ho andevo rey, amy ty hery voajahanary, le tsy njanahary velively. ⁹Fa amy zao nareo le nanjary nahay an-Janahary, ndra koa hoe hain-Janahary nareo, ka le ino ro himpolianareo amy ty abidim-pirenea malemy ro sady tsy misy antony? Ta ho andevozy ndraiky va nareo? ¹⁰Mandiniky andro rey noho vola rey sady vanim-potoa noho tao rey nareo! ¹¹Matahotsy ty aminareo zaho fa tsy noho ho raha-avao ty asako taminareo eo. ¹²Mangataky anareo zaho, rahaahy e, mananova manahaky ahy, safe zaho avao koa ro fa nanjary manahaky anareo. Tsy nanao raty tamiko nareo. ¹³Nefa hainareo fa noho ty aretim-batako ro nanambarako anareo ty filazantsoa tamy velohany. ¹⁴Ndra le nanday anareo tamy ty fangalam-panahy aza ty toe-batako, le tsy nanao tsinotsino ndra naniliky ahy nareo. Fa nirambesinareo manahaky ty hoe anjelin-Janahary koa zaho, mahahaky ty hoe zaho mihintsy ro Kristy Jesosy. ¹⁵Aia, noho zay, ty fahasoavanareo amy zao? Fa mitsanga vavolombelo aminareo zaho fa, laha azonareo anovy, le nalanareo ty masonareo sady nameanareo ahy zay. ¹⁶Ka laha zay, fa nanjary fahavalonareo va zaho safe mivola aminareo marina? ¹⁷Ndrozy ro mazoto ty hitao anareo, fa tsy amy ty soa. Ta hanily anareo ambaliky any rozy, mba hanananareo zotom-po ho androzy. ¹⁸Soa avao ty mana zotom-po amy ty tanjo soa, sady tsy lafa miaraky aminareo avao zaho. ¹⁹Anako e, mbo mijaly amy ty faharary ty fiteraha ho ahy nareo ndraiky zaho zisiky-piforony i Kristy aminareo ao. ²⁰Maniry zaho mba ho afaky miaraky aminareo amy zao sady hanova ty feoko, safe sahiran-tsany noho ty aminareo zaho. ²¹Volano amiko, nareo ze maniry ty ho ambany ty lalà eo, moa tsy mijanjy ty lalà ve nareo? ²²Safe voasoratsy fa i Abrahama ro nana-anaky roe lahy, ty raiky baka amy ty andevo ampela sady ty raiky baka amy ty ampela afaky. ²³Fa ty raiky le nateraky ty andevo ampela manahaky ty nofotsy, fa azy raiky hafa iny ro nateraky ty ampela tamy ty safa fampanantena. ²⁴Raha rey ro azo rambesy hanahaky ty fznohara, safe ampela rey ro manambara fanenkea roe. Ty raiky amin-drozy ro baka amy ty vohitsy i Sinay sady niteraky aja ze andevo ie. Ie io ro i Hagara. ²⁵Sady i Hagara ro maneho ty vohitsy i Sinay Arabia any; sady manoro an'i Jerosalema amy ty tany iaby toy, safe nandevozy niaraky tamy anany reh ie. ²⁶Fa i Jerosalema ze ambony any ro afaky, sady ie ro renintsika. ²⁷Safe voasoratsy hozao: "Mifalea, iha mikasiky ze tsy miteraky. Mikaikaiky mare sady mananova hieky fifalea, iha ze tsy mijaly amy ty faharary ty fiteraha. Safe anany ty ampela ze nafoy rey ro lako noho ty ahy ampela manambaly rey." ²⁸Fa nareo, rahalahy e, manahaky an'i Isaka, le ana ty fampanantena. ²⁹Tamy fotoa zay ty olo ze teraky manahaky ty nofotsy ro nanenja ze teraky manahaky ty Fanahy. Manahaky zay avao amy zao. ³⁰Nefa ino ro a, bara ty soratsy masy? "Alefaso any ty andevo ampela npho ty anakilahiny. Fa ty anakilahy ty andevo ampela ro tsy hizara lova miaraky amy ty anakilahy ty ampela afaky." ³¹Lahaay, rahalahy e, tsy anaky fy andevo ampela tsika, fa anaky ty ampela afaky.

Chapter 5

¹Ho amy ty fahafaha ro nanafaha i Kristy antsika. Miorena soa, laha zay, ka mety ho ambany ty zioga ty fanandevoza ao ndraiky. ²Ingo, zaho, Paoly, mivola aminareo fa laha manenga ty vatanareo ho savary nareo, le tsy hahasoa anareo amy ty fomba iaby Kristy. ³Mitsanga vavolombelo amy ty olo kirai-draiky ze manenga ty safany ho voasavatsy ndraiky zaho fa voatery hanoriky ty lalà iaby ie. ⁴Tafasaraky tamy i Kristy nareo, ze ta ho hamariny amy ty lalà; sady tsy miay fahasoava sasy nareo. ⁵Fa amy ty alala ty Fanahy, amy ty finoa, ro handinasantsika mare ty fanantena ty fahamarina. ⁶Amy i Kristy Jesosy ao tsy midika ndra ino ndra ino voasavatsy ndra tsy voasavatsy, fa ty finoa miasa amy ty fitiava avao. ⁷Fa nilay soa nareo. Ia ro nisaka anareo amy ty fankatoava ty marina. ⁸Fandresean-dahatsy zay ro tsy baka aminy azy nikaiky anareo iny. ⁹Lalivay kelikely ro mampitombo ty koba iaby. ¹⁰Fa matoky ty Tompo zaho fa tsy handramby fomba fanenty hafa nareo. Fa ty raiky ze mampokoronta anareo ro hanonitsy ty sazy, ndra ia ndra ia ie. ¹¹Rahalahy e, laha mbo manambara ty amy ty fanavara zaho, nanino zaho ro mbo enjehy? Amy zay le ho afaky vatany ty hampeloky ty hazo fijakea. ¹²Fa ho ahy ze manakoronta anareo rey, enga anie ka le hanapaky ty vatany ndrozy! ¹³Fa nikaihy ho amy ty fahafaha nareo, rahalahy e. Nefa ka ampiasa ho irika amy ty fila ty nofotsy ty fahafahanareo; fa koa, amy ty alala ty fitea le mifanompoa. ¹⁴Fa ty lalà iaby ro tanteraky amy ty lily raiky ao; amy ty hozao ao: "Tsy maintsy mitea ty namanao manahaky ty vatanao iha." ¹⁵Fa laha mifanehitsy noho mifampihina nareo, le miembena tsy noho hifandavo. ¹⁶Fa hoy zaho, mandehana manahaky ty Fanahy le tsy hahantanteraky ze fila ty nobfotsy nareo. ¹⁷Fa manohitsy ty Fanahy ty fila ty nofotsy, sady manohitsy ty fila ty nofotsy ty faniria ty Fanahy. Fa mifanohitsy rey, mba tsy hahafahanareo manao ze raha teanareo. ¹⁸Fa laha tarihy ty Fanahy nareo le tsy ho ambany ty lalà. ¹⁹Amy zao le mibaribary ty asa ty fila ty nofotsy: fijangajangana, fahalotoa, fijejojejoa, ²⁰fanompoan-tsampy, fanosavia, fankahala, fifamalia, fahasarotam-piaro, fipoaha ty heloky, fifandrafia, fisadaham-baza, fizarazara, ²¹fialona, fahamamoa, fanankorontana, sady ty raha mitovy amy zay. Mampiemby anareo zaho, mahahaky ty fa nampiembenako anareo taloha, fa tsy handova ty fanjakan-Janahary ze mampihatsy daha rey. ²²Fa ty vokatsy ty Fanzhy ro fitiava, fifalea, fiadana, fahareta, hasoam-panahy, fananovan-tsoa, finoa, ²³fahalemam-panahy, sady fahafehezam-bata; tsy misy lalà manohitsy raha manahaky zay. ²⁴Ze an'i Kristy Jesosy rey ro fa nananto ty toetsy atsiky fahotany niaraky tamy ty fahafinaretany noho ty filany. ²⁵Laha miay amy ty Fanahy tsika, engao handeha amy ty Fanahy avao koa. ²⁶Engao tsika tsy hanjary mpirengirengy, mifandrangitsy, sady mifampialona.

Chapter 6

¹Rahalahy e, laha misy olo azo ty ota, nareo ze ara-panahy ro tokony hampimpoly azy ndraiky amy ty fahamoram-panahy. Mimpoly ty vatanao, mba tsy ho halam-panahy koa iha. ²Mifampandaisa ty mavesatsy, sady amy zay le tanteraho ty lalà i Kristy. ³Fa laha misy olo midiniky ty vatany ho raha nefa tsinotsino, le mamitaky ty vatany ie. ⁴Tokony handiniky ty asany baka ty kirai-draiky, mba ho amy ty vatany avao ty antony hirengerengeany fa tsy amy ty olo-hafa. ⁵Fa samby handay ty entany iaby ty olo kirai-draiky. ⁶Ty olo ze nampianary ty safa le tsy maintsy mizara ty raha soa iaby zmy ze mampianatsy. ⁷Ka mety ho fitahy. Tsy azo somongà Njanahary, fa ze iaby ambolé ty olo, ro ho hanovy koa. Ho ahy ze mamboly voa amy ty toetsiny atsiky fahota, le baka amy zay ro hahazoany hasimba. ⁸Ze mamboly voa amy ty Fanahy, amy ty Fanahy ro hananovany ty fiaina zisiky farany. ⁹Engao tsika mba tsy ho vozzky zmy ty fanznovan-tsoa, fa hanao ty vokatsy tsika amy ty fotoa mety, laha tsy manenky tsika. ¹⁰Ka laha zay, safe mana fahafaha tsika, le engao hanao ty soa zmy ty olo iaby, handraky fa amy ty longo ty finoa. ¹¹Hentao ty habey ty soratsy ze nisoraty ty tanako ho ahy nareo. ¹²Ze te hiseho ho soa amy ty nofotsy ao rey ro miezaky mipiritsy anareo mba hosavary. Manao zay rozy mba hiala amy ty fanenjeha noho ty amy ty hazofijalea i Kristy. ¹³Ndra ze tsy voasavatsy rey aza le tsy miemby ty lalà, nefa teandrozy hosavary nareo mba hirengerengean-drozy amy ty nofonareo. ¹⁴Nefa tsy hirengerengea ndra ombia ndra ombia hafa-tsy ty amy ty hazofijalea i Jesosy Kristy Tompotsika lahy zaho, ze nihantona ty tany iaby toy tamiko eo, sady zaho koa tany ty tany iaby toy eo. ¹⁵Fa ty fanavara ndra ty tsy fanavara le samby tsy misy antony, fa ty fiainam-baovao ro misy antony. ¹⁶Ho ahy ty iaby ze miay manahaky fomba zay ao, le ho amin-drozy lahy ty fiadana noho ty famalozam-po, ndra amy ty Israelin-Janahary aza. ¹⁷Manomboky zao le engao tsy hisy hanadala ahy, fa manday mariky i Jesosy rey amy ty vatako eo zaho. ¹⁸Ho amy ty fanahinareo lahy ty fahasoava i Jesosy Kristy Tompotsika, rahalahy e. Ameny.

Ephesians

Chapter 1

¹Paoly, apostoly i Kristy Jesosy manahaky ty sitsapon-Janahary, ho ahy olo-masin-Janahary rey a-Efesosy any, ze mahatoky amy i Kristy Jesosy ao. ²[Fanamariha: Misy fandika ilany mangalaky ty hozao: "A Efesosy ao" fe mety amy ty taratasy Paoly ao tany ty velohany zay.] Ho aminareo ty fahasoava noho fiadana baka amin-Janahary Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo ao. ³Tompoe lahy ty Njanahary noho baba i Jesosy Kristy Tompotsika, ze nitahy antsika tany i Kristy ao tany ty fitahiam-panahy iaby baka an-danitsy any amy i Kristy ao. ⁴Njanahary nitingy antsika taminy ao zisiky amy ty fiatomboha ty tany iaby zao, mba ho masy noho tsy manan-tsiny anilany eo tsika. ⁵Njanahary ro nitingy antsika aloha ho amy ty tanangana ho anaky famy ty alala i Jesosy Kristy, manahaky ty sitsapony. ⁶Ty fanangana antsika ro manday amy ty fanompoa ty fahasoavany bey voninahitsy ze nameany antsika amy zao avao tany azy Raiky ze teany iny ao. ⁷Amy i Jesosy Kristy ap ro mahazo fanavota amy ty liony noho ty fanegan-keloky tsika, manahaky ty harem-pahasoavany. ⁸Narotsany tamintsika tany ty fahendrea noho fahaiza fahasoava zay iaby. ⁹Nanovin-Janahary mare tamintsika ty raha-tsy hita ty sitsapony, manahaky ze teany, noho ze nasehony tany i Kristy ao, ¹⁰niaraky tany ty fandahara raiky amy ty fahafenia ty fotoa, hamory ty raha iaby, an-tany etoy noho an-danitsy ao, ho loha raiky, ndra Kristy aza. ¹¹Amy i Kristy ao ro voatendry ho mpandova tsika. Nitinginy aloha manahaky fandahara azy mampiasa ty raha iaby iny manahaky ty tanjo ty sitsapony tsika. ¹²Njanahary nanondro antsika ho mpandova mba ho tsika ro mana hatokisa velohany amy i Kristy ao, mba ho fanompoa ty voninahitsy tsika. ¹³Tany i Kristy ao, nareo koa, lafa naharé ty safa ty fahamarina, le ty filazantsoa ty famonjea anareo, le nino Azy nareo sady voatomboky tany azy Fanahy Masy iny nampantanenay, ¹⁴ze antoky ho ahy ty lovantsika zisiky-ahazoantsika tanteraky zay, ho fanompoa ty voninahitsiny. ¹⁵Laha dikany zay, zisiky amy ty naharezako ty finoanareo ty Tompo Jesosy sady ty fitiavanareo olo-masiny iaby rey, ¹⁶le tsy najano ty nisaotsy an-Janahary zaho noho ty aminareo sady tiaroko am-bavako nareo. ¹⁷Mivavaky zaho mba ty Njanahary i Jesosy Kristy Tompotsika, azy Baba ty voninahitsy iny, hanome anareo ty fanahy ty fahendrea noho fanambara amy ty fahaiza Azy. ¹⁸Mivavaky zaho mba hanazava ty maso ty fonareo, mba hahazanareo ty toky ze nikaihany anareo noho ty hanana ty voninahitsy ty lovany amy olo-masin-Janahary iaby rey eo. ¹⁹y ty fivavahako ao ro mangataky zaho mba hahazanareo ty fiharoa ty habevata ty heriny amintsika ao ze mino, manahaky ty fiasà ty heriny bevata. ²⁰Hery zay avao ro nampiasan-Janahary tany i Kristy ao lafa natsangany tany maty Ie sady napetsany tan-tanany ankavana eo tan-danitsy any. ²¹Kristy ro napetsany ho anabo ty lalà noho ty fahefa sady ty hery noho fitsarà, sady tyanara iaby ze misy. Habapaky Kristy, tsy ho amy vanim-

potoa zao avao, fa ho amy ty vanim-potoa ho avy koa.²²Napetsakin-Janahary ho ambany ty tomboky i Kristy ao iaby ty raha iaby sady nameany ho loha ty raha iaby amy ty egilizy ao Ie. ²³Ty egilizy ro vatany, azy fahafenoa azy manatsiky ty raha iaby amy ty endrikiny iaby iny.

Chapter 2

¹Sady ty momba anareo, le maty tanay ty fahadisoanareo noho ty fahotanareo nareo. ²Tamy fahadisoa reny ro niainanareo taloha manahaky ty fomba ty tany iaby zao. Niay manahaky ty mpanapaky fahefa amy ty tsioky eny nareo, azy fanahy ze miasa amy anaky ty tsy fankatoava ao. ³Niay tamy olo reny eo iaby tsika faloba, nanantanteraky filan-raty ty nofotsintsika rey, sady nanantanteraky ty faniria ty nofotsy noho ty say. Fa voahary ho anaky ty heloky, manahaky ty anak'olombelo sisa tsika. ⁴Fe manan-kanana famalozam-po Njanahary noho azy fitiavany bevata ze nitiavany antsika iny. ⁵Tamintsika mbo maty tanay ty fahadisoa ao, le nivolominy niaraky tamy i Kristy _ tamy ty fahasoava ro namonjea anareo. ⁶Niaraky-natsangan-Janahary tsika, sady niaraky-napetsany tan-danitey ao amy i Kristy Jesosy, ⁷mba hafahany mampitoro antsika amy ty vanim-potoa ho avy ty habevata ty hanana ty fahasoavany ze tsy azo metary atorony amy ty hasoam-panahiny amintsika amy i Kristy Jesosy ao. ⁸tamy ty fahasoava ro namonjea anareo tamy ty alala ty finoa, sady tsy avy aminareo zay, fa fanomezan-Janahary. ⁹Tsy baka amy ty asa ty fahasoava mba tsy hisy hirengirengy. ¹⁰Fa asan-Janahary tsika, niforony tamy i Kristy Jesosy ao mba hanao asa ze fandaharan-Janahary fa ela ho antsika, mba handehanantsika amy rey ao. ¹¹Lahazay tiarovo fa Jentilisa tamy ty nofotsy ao nareo taloha. Nareo ro kaihy hoe "tsy vita savatsy" amy ze kaihe eo hoe "vita savatsy" amy ty nofotsy nanovy ty tanan'olombelo ao. ¹²Safe mbo tafasaraky tamy i Kristy nareo tamy fotoa zay. Mpivahiny nareo tamy ty olo lako ty Israely eo. Sady vahiny tamy ty fanenkea ty fampanantena nareo. Tsy mbo nana fanantena ty amy ty ho avy nareo. Tsy niadaky tamin-Janahary nareo tamy ty tany iaby zao. ¹³Fa amy zao amy i Kristy Jesosy ao nareo ze lavitsy an-Janahary taloha ro nampanarikitsiny tamy ty lio i Kristy. ¹⁴Safe le ro fihavanantsika. le ro nahavy ty roe ho raiky. Tamy ty nofotsiny ro nandrobahany ty rindry ty fanohera ze nampizarazara antsika. ¹⁵Zay hoe, naravany ty lalà ty lily noho ty fitsipiky mba hananovany olom-baovao raiky Aminy ao, noho mba hananovany fampilongoa. ¹⁶Kristy ro mampilongo ty olo lako roe tonta ho vata raiky amin-Janahary amy ty alala ty hazofijakea, ka le mamono ty fanohera. ¹⁷Fa niavy Jesosy sady nanambara filongoa ho ahy nareo ze lavitsy sady filongoa ho ahy ze anila rey. ¹⁸Fa amy ty alala i Jesosy ro hananantsika roe tonta ficandrambesa amy ty Fanahy raiky mana amy Njanahary any. ¹⁹Laha zay, tsy vahiny noho mpivahiny sasy nareo Jentilisa zao. Fa vo maiky aza mpiharo firenea miaraky amy ze olo-masin-Janahary nareo sady isa ty longon-Janahary. ²⁰Fa namboary tamy ty fototsy fanorena apostoly rey noho olo to resaky rey nareo, sady Kristy Jesosy mihintsy ro vato fehizoro. ²¹Aminy ao ro hiharoa ty fanamboara iaby sady hitomboany mahahaky ty egilizy amy Tompo ao. ²²Aminy ao avao ro hanangana anareo miaraky ho fipetsaga ho ahin-Janahary amy ty Fanahy ao.

Chapter 3

¹Laha zay, Paoly zaho, le gadra i Kristy Jesosy ho ahy nareo Jentilisa. ²Mino zaho fa naharé ty fitanjaha ty fahasoavan-Janahary ze namea ahy ho ahy nareo nareo. ³Manoratsy manahaky ty fanambarà nampahaizy ahy zaho. Zay ro marina tsy hita mikasiky ze nisoraty kelikely taminareo, ⁴Lafa mamaky zay nareo, le ho afaky ty hahazo ty fomba fahazoako marina tsy hita mikasiky i Kristy zay. ⁵Tamy ty tariha hafa rey ro tsy nanovy hay ty anak'olombelo marina zay. Fa amy zao koa zay ro nambara tamy ty alala ty Fanahy tamy Apostôly noho olo toresakiny ze voatoka ho amy asa toy rey. ⁶Marina tsy hita zay ro mivola fa Jentilisa rey ro mpiaraky-mandova, noho mpiaraky-mivory amy ty vata, sady mizara ty fampanantena amy i Kristy Jesosy ao amy ty alala ty filazantsoa ndrozy. ⁷Fa nanjary mpiasa ty filazantsoa zay zaho tamy ty fahasoavan-Janahary namea ahy tamy ty alala ty fiasa ty heriny. ⁸Namean-Janahary ahy fanomezaza zay, ndra le zaho aza ro farany kelikely bibiky amy olo-masin-Janahary rey. Fanomezaza zay ro th mba hanambarako amy Jentilisa rey ty filazantsoa ty hanana i Kristy saritsy-anovy. ⁹Ty fanomezam-pahasoavan-Janahary ho ahy le ty handaisako fanazava amy ty olo-iaby ty fandaharan-Janahary. Fandahara io ro navonin-Janahary, azy nihary ty raha iaby iny, anay ty tao lako taloha. ¹⁰Nampahaizy tamy ty egilizy fandahara zay mba hahavy mpanapaky noho manam-pahefa rey an-danitsy any hahay ty toetsy lako ty fahendrean-Janahary. ¹¹Nitsanga manahaky ty fandahara zisiky farany ze tanterakiny tamy i Kristy Jesosy Tompontosika ao zay. ¹²Fa amy i Kristy ao ro ananantsika fahasakia noho lala am-patokisa noho ty finoantsija Azy. ¹³Laha zay mangataky anareo zaho mba tsy ho laginy noho ty fijaleako ho ahy nareo, ze voninahitsinareo. ¹⁴Laha zay le mandohaliky anila Njanahary eo zaho, ¹⁵ze nanome anara ty longo iaby an-danitsy any noho an-tany eto. ¹⁶Mivavaky zaho mba hanomezany anareo, manahaky ty hanana ty voninahitsiny, mba hatanjaky amin-kery amy ty alala ty Fanahy Masy, ze aminareo ao. ¹⁷Mivavaky zaho mba hijano am-ponareo ao amy ty finoa Kristy, mba hifototsy noho hiory amy ty fitiavany ao nareo. ¹⁸Hahazo hery lahy nareo ka le ho afaky-mahatakatsy, miaraky amy mpino iaby rey, ty aakany, ty halavany, ty hahabony, sady ty halalikiny, ¹⁹sady mba hahay ty fitiava i Kristy, ze mandilatsy ty fahaiza iaby, ka le mba ho atsiky ty fanatsehan-Janahary iaby nareo. ²⁰Sady ho Azy ze mahavita manao mandilatsy ze iaby angatahintsika ndra eritseritsika, manahaky ty hery ze miasa anaintsika ao, ²¹ho Azy ty voninahitsy amy ty egilizy ao sady amy i Kristy Jesosy ao zisiky amy tariha iaby zisiky farany maré. Ameny.

Chapter 4

¹Laha zay, zaho, amy ty maha gadra ho ahy ty Tompo ahy, le mandrisiky anareo mba handeha am-pahendrea amy ty kaiky ze nikaiha anareo. ²Mandrisiky anareo zaho mba hana fanetsem-bata bevata noho fahendrea sady fahareta, mifandefitsy amy ty fitea. ³Mananova ze fara ty herinareo mba hanajaria ty fiharoa ty Fanahy amy ty fehy ty filongoa. ⁴Raiky avao ty vata sady raiky avao ty Fanahy, manahaky ty nikaiha anareo tamy ty fanantena ty fikaiha anareo ao raiky avao koa. ⁵Sady raiky avao ty Tompo, raiky ty finoa, raiky ty batisa, ⁶sady raiky avao Njanahary noho ty Baba ty iaby, ze anabo ty raha iaby sady amy ty alala ty raha iaby noho amy ty raha iaby ao. ⁷Tsika kirai-draiky iaby ro nanome fahasoava manahaky ty habey ty fanomeza i Kristy. ⁸Manahaky ty safa ty Soratsy Masy zay hozao: "Lafa niakatsy tamy ty abo any Ie, le nanday gadra rey ho amy ty fahagadra, sady nanome fanomeza ho ahy ty olo lako Ie." ⁹Ino ty hevitsy ty hozao: "Niakatsy Ie," laha tey hoe nijotso tamy fy faritsy ambany ty tany any avao koa Ie? ¹⁰Ie Azy nijotso iny avao olo niakatsy anabo tan-danitsy any iny, mba hafahany manatsiky ty raha iaby. ¹¹Kristy ro nanome ty ilany ho apostôly, ty ilany ho to resaky, ty ilany ho evanjelista, sady ty ilany ho pasitera noho mpampianatsy. ¹²Nanome asa rey Ie mba hanampea ty olo lakony masy rey ho amy ty asa fanompoo, amy ty fanamboara ty vata i Kristy. ¹³Manohy mamboatsy ty vatany Ie zisiky-mahasoantsika iaby ty fiaraham-pinoa noho ty fahaiza ty Anakin-Janahary, sady mba hahavy antsika ho matotsy ka le mba hahatsatsy ty habey ty maha atsiky an'i Kristy. ¹⁴mboatsy antsika Kristy mba tsy hanahaky ty aja ze antompantopa ty onja sasy tsika, sady tsy ho andesy ty tsioky ty fampianara noho ty hafetsea ty olo amy ty tetiky atsiky fitaky rey. ¹⁵Fa tsika koa, amy ty filaza ty fahamarina amy ty fitiava, le tokony hitombo amy ty fomba iaby amy Ie ze aloha ao, zay hoe, Kristy. ¹⁶Kristy ro mampitsanga ty vata iaby, sady naharo noho napitiky tamy ty isan-tonony zay, sady lafa miasa miaraky arey, le mahavy ty vata hitombo mba hampahery ty vatany amy ty fitiava. ¹⁷Laha zay, le mivola noho mitindry mare zay amy ty Tompo ao zaho, mba tsy hiay manahaky ty Jentilisa sasy nareo, amy ty fahara a ty fisainan-drozy. ¹⁸Maiky ty fahaizan-drozy, tafasaraky amy ty fiainan-Janahary noho ty tsy fahaiza amin-drozy ao, noho ty faherim-pon-drozy. ¹⁹Tsy mahay manetsy ndrozy sady manome ty vatan-drozy ho amy ty fila ty nofotsy, sady manohitsy manao karazam-pahalotoa iaby zao. ²⁰Fa tsy zay ro fomba nianaranareo ty momba i Kristy. ²¹Inoako fa nahare ty momba Azy nareo, sady nampianary taminy ao, safe ty fahamarina ro amy i Jesosy ao. ²²Nampianary nareo mba hanary ty fomba fiainanareo taloha, mba hanary ty toetsy taloha. Azy toera taloha ze simba noho ty fitaky ty filany iny. ²³Nampianary nareo mba hihavao amy ty fanahy ty sainareo ao, ²⁴sady hisiky azy olom-baobao ze nihare manahaky ty endrikin-Janahary iny _ amy ty vata fahamarina noho fahamasina zo. ²⁵Laha zay, ialao ty vandy, sady engao ty kirai-draiky aminareo hifampivola ty marina amy ty namany, safe samby hisa ty rantsa ty iaby tsika. ²⁶Mivavaha fa ka manota. Ka enga ho tsatsy ty masoandro moly ty helokinao. ²⁷Ka manome hiriky ho ahy ty devoly. ²⁸Ze nangalatsy ro tsy tokony hangalatsy sasy. Tsy maintsy miasa ie, manao asa soa amy ty tanany, mba hananany raha ho zarà ho ahy ty anay ty tsy fahampea ao. ²⁹Ka enga hisy safa maloto hiboaky baka amy ty vavanareo. Mampiasa safa ze ilà amy ty fanamboara ty hafa, manahaky ze ilan-drozy, mba tena hanampy ze mijanjy anareo rey ty safanareo. ³⁰Sady ka mampalahelo ty Fanahy Masin-Janahary, fa baka aminy ro nananova tampô anareo ho amy ty andro ty fanavota. ³¹Ialao ty lolom-po iaby, haromota, ty heloky, ty fifamelea, sady ty fifampivolana raty, miaraky amy karazan'asa raty iaby rey. ³²Manàna fahalejem-panahy amy ty kirai-draiky iaby, fahatsoram-po, mifanengà-heloky, manahaky ty namelan-Janahary anareo tamy i Kristy ao.

Chapter 5

¹Laha zay enga anie mba ho mpangalaky atahaky an-Janahary, manahaky ty anaky malala. ²Sady mandehana amy ty firiava, manahaky ty nitiava i Kristy antsika avao koa noho nanomezany ty vatany ho antsika, fanomeza magnitsy noho soro ho ahin-Janahary. ³Fa tsy tokony hisy ndra le resaky heriloha ndra karaza halotoa ndra tsy fahonom-bata aza aminareo eo, fa tsy maeva ty olo-masin-Janahary rey, ⁴Engao tsy hisy mandriva, resaky adaladala, sady somonga mare _ fa tsy maeva ty iaby amy rey. Fa koa tokony hisy fankasitsaha. ⁵Fa afaky mahazo antoky ty amy zao nareo, fa tsy hisy mpaheriloha, maloto, ndra ty mpiery _ say hoe, mpiasa sampy _ mana lova amy ty fanjaka i Kristy noho Njanahary ao. ⁶Enga anie tsy hisy hamitaky anareo amy ty safa tsy misy, safe laha raha rey ro avy amy ty anany ty tsy fankatoava ty helokin-Janahary. ⁷Laha zay, ka miharo amin-drozy. ⁸Fa maiky nareo taloha, fa zao nareo ro fahazava amy ty Tompo ao. Mandehana manahaky ty anaky ty mazava, ⁹(fa ty vokatsy ty fahazava ro amy ty fahasoava iaby ao, fahitia, noho fahamarina). ¹⁰sady ilao ze tea ty Tompo. ¹¹Ka miharo amy asa tsy mamokatsy ty haiky rey, fa ampibaribario koa rey. ¹²Fa mahamenatsy ndra le ty manono raha anovin-drozy amy ty tsy hita any rey aza. ¹³Fa lafa hazava ty fahazava ty raha raiky, le nanjary mibaribary. ¹⁴Fa ty raha iaby ze mibaribary le fahazava. Laha zay le voavola hozao: "Mifohaza, iha miroro, sady mitsangana amy ty pilasy ty maty, le hipiriaky aminao Kristy. ¹⁵Miembena amy ty fiainanao _ tsy manahaky ty hendry. ¹⁶Hararoto ty fotoa safe andro zao ro raty. ¹⁷Laha zay, ka mihadaladala, fa takaro hoe ino ro sitsapo ty Tompo. ¹⁸dy ka manao mamoty divay, fa manday amy ty fahasimban-toetsy any zay. Fa koa, engao ho atsiky ty Fanahy Masy, ¹⁹mifampiresaha aminareo samby nareo amy ty salamo noho fihirà sady hiram-panahy, mihirà sady mikadia amy ty Tompo amy ty fonareo iaby. ²⁰Misaora zisiky farany amy ty raha iaby, amy ty anara i Jesosy Kristy Tompontosika ho ahin-Janahary azy Baba iny, ²¹mifanomeza vata am-panajana ho ahy i Kristy. ²²Ampela a, manenky ty valinareo, manahaky ty amy ty Tompo. ²³Fa ty lahilahy ro loha ty ampela manahaky an'i Kristy koa loha ty egilizy, sady Kristy vatany ro mpamonjy. ²⁴Fa manahaky ty hanenkea ty egilizy an'i Kristy, ro manahaky zay koa ro tokony hanenkea ty ampela ty valiny amy ty raha iaby. ²⁵Rahalahy e, tiavo ty valinareo, manahaky ty nitiava i Kristy ty egilizy noho nanomezany azy ty ainy. ²⁶Nanome ty vatany ho ahy ty egilizy Kristy mba hafahany manamasy azy, tany ty fanqlova azy tany ty rano fanasa amy ty safa, ²⁷mba hafahany mampitoto azy ho bey voninahitsy aminy eo, tsy misy pentina ndra kentrona ndra raha manahaky zay, fa masy sady tsy misy diso. ²⁸Manahaky zay avao koa ty lahilahy le tokony ho tea ty valin-drozy iaby manahaky ty safan-drozy. Ie ze tea ty valiny le tea ty vatany avao koa. ²⁹Tsy mbo nisy nalay ty vatany, fa mamaha noho mikarakara zay soa, manahaky an'i Kristy mamaha ty egilizy noho mikarakara azy avao koa, ³⁰safe tsika ro ratsam-batany. ³¹Laha antony zay ty lahilahy ro hiala ty babany noho ty neniny ka le hiharo amy ty valiny, sady ndrozy roe ro hanjary nofotsy raiky avao." ³²Bevata fahamarina tsy hita zay _ fa Zaho ro miresaky mikasiky i Kristy noho ty egilizy. ³³Nefa, ty kirai-draiky aminareo avao koa ro tokony ho tea ty valiny iaby manahaky ty vatany, sady ty ampela ro tokony hanaja ty valiny.

Chapter 6

¹Anaky e, manenkea ty ray-amandrenynareo amy ty Tompo ao, safe mety zay. ²"Hajao ty babanao noho ty reninao" (zay ro lily velohany misy fampanantena), ³"mba hahita soa iha sady mba ho lava andro iaina anabo ty tany etoy." ⁴Nareo baba, ka manday ty ananareo ho amy ty heloky. Fa koa, hareo amy ty fitsipiky noho fampianara ty Tompo ndrozy rey. ⁵Mpiasa a, manenkea ty tomponareo an-tany etoy amy ty haJa anabo noho fangitikitiky, amy ty fahatsora ty fonareo. ⁶Manenkea androzy manahaky ty hanenkeanareo an'i Kristy. Manenkea tsy amaso ty tomponareo eo avao amba hanenkean-drozy. Fa koa, manenkea manahaky ty mpiasa i Kristy, ze manao ty fanenkean-Janahary amy ty fonareo iaby. ⁷Manompoa amy ty fonareo iaby, manahaky ty hoe manompoa ty Tompo nareo fa tsy olo, ⁸safe haintsika fa ndra ino ndra ino asa soa anovy ty olo kirai-draiky, le handramby valim-pitea baka amy ty Tompo ie, ndra andevo ie ndra olon-afaky. ⁹Nareo Tompo, mananova manahaky raha rey avao koa amy ty mpiasanareo. Ka mampangorohoro androzy. Hainareo fa le zay sady Tomponareo ro Tompon-drozy le an-danitsy any, sady tsy misy fiangara Aminy ao. ¹⁰Farany, mahereza amy ty Tompo noho amy ty tanjaky ty heriny. ¹¹Isikino ty fiadanan-Janahary iaby, mba hafahanao mitsanga manohitsy tetiky ty devoly rey. ¹²Fa ty alintsika le tsy manohitsy ty nofotsy noho ty lio. Fa koa, manohitsy ty fanjaka noho ty fahefa ara-panahy noho mpanapaky ty fanjaka ty faiky-raty, manohitsy fanahy raty rey amy ty fipetsahan-danitsy any. ¹³Laha zay isikino ty fiadanan-Janahary iaby, mba hafahanareo mitsanga amy ty andro ty raty zao, sady lafa vitanareo ty raha iaby, le hahatohitse anareo. ¹⁴Mitsanga, laha zay, lafa baka nanao ty santira ty fahamarina noho ty fiarovantantsa ty fahitia nareo. ¹⁵Sady manahaky ty kiraro ho ahy ty tombonareo, le apetaho ty fahavonona hanambara ty filazantsoa ty filongoa. ¹⁶Amy ty toe-draha iaby le rambeso ty fiaro ty finoa, ze afahanareo manohitsy ana-kititsy kirehitsy afo azy raty rey. ¹⁷Sady rambeso ty foloara ty famonjea noho ty meso ty Fanahy, ze safan-Janahary. ¹⁸Amy ty vavaky noho fangataha iaby, le mivavaha amy ty Fanahy amy ty foatoa iaby. Amy fomba fisaina zay, le miemby zisiky amy ty fahareta any iaby, laha manome vavaky ho ahy olo-masin-Janahary rey nareo. ¹⁹Sady mivavaha ho ahy, mba hisy hafatsy hamea ahy lafa mamoha ty vavako zaho. Mivavaha mba afahako mampahay amy ty fahasakia ty fahamarina tsy hita mikasiky ty filazantsoa. ²⁰Ho ahy ty filazantsoa ro maha-ambasafera voafehy amy ty gadra ahy, mba afahako manambara zay am-pasakia, laha tey maintsy hivola zaho. ²¹Tykiko, azy rahalahy malala iny noho manompo matoky amy ty Tompo ao, ro hampahay anareo ty raha iaby, mba hahazanareo ze anoviko. ²²Nirahiko taminareo ie noho tanjona io bibiky, mba hahazanareo raha mikasiky anay io, sady, mba hafahany mampahery ty fonareo. ²³Fiadana ho amy rahalahy rey, sady ty fitiava miarakany amy ty finoa baka amin-Janahary Baba noho Tompo Jesosy Kristy. ²⁴Ty fahasoava lahy ho amy ze iaby tea an'i Jesosy Kristy Tompontsika amy ty fitiava tsy maty zisiky farany.

Philippians

Chapter 1

¹Paoly noho Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho androzy iaby voatoka hoahy Jesosy Kristy azy any Filipy, miarakany amy mpiandraikitry noho diakona reo. ²Ho aminareo lahy ty fahasoava voho ty fiadana baka amin'Andriamanitra Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo. ³Misaotry ty Zanahariko aho amity fahatiarovako anareo. ⁴Ty fivavahako le ho anareo iaby, le amin'ny fifalea avao ty anovako ty fivavahako. ⁵Manome fisaora zaho noho amity fiharoanareo amity filazantsara nanomboky tamity andro voalohane ka zisiky zao. ⁶Mahatoky an'izao raha zao zaho, fa ie ro nanomboky asa soa taminareo le hanohy hanatanteraky aze zisiky amity andron'i Jesosy Kristy. ⁷Fa soa amiko ty mahatsapa tozay ty amity mikasiky anareo iaby safe am_poko ato nareo. Nareo iaby mpiara_miasa tamiko tamity fahasoava tamity figadrako noho tamity fiarovako na koa tamity fanamafisana ty filazantsara. ⁸Fa Zanahary ro vavolombeloko, fa jangobo anareo mare zaho amity famindram_pon'i Kristy Jesosy. ⁹Sady zaho mivavaky hozao: mba hitombo fahizay ty fitiavanareo amity fahalala noho amity fahazavan_tsay iaby. ¹⁰Mivavaky hoahy zay aho mba hanenky ze farany soa nareo, mba ho tso_po noho tsy misy hakeo amity andron'i Kristy. ¹¹Mivavaky aho mba ho atsiky ty vokatry ty ha to azy baka amin'i Jesosy Kristy nareo, ho voninahitry noho fidera an' Andriananahary. ¹²Sady teako ho hainareo, ry rahalahy, fa ze raha nisy tamiko dia niasa ho fampandrosoa ty filazantsara vatany. ¹³Vokan'izay, ty fehiko ao amin'i Kristy le nibaribary mazava naheniky mpiambin'ny lapa iaby reo noho olo hafa reo. ¹⁴Ty ilakoan_drozy rahalahy le mana toku bevata mare amin'ny Tompo nohon'ny fehiko, sady mahasaky manambara tsy misy tahotsy ty safa ndrozy. ¹⁵Ty sasany aza le mitory an'i Kristy amity fialona noho fifandira vatany, fe hafa reo koa le amitritrampo tokoa. ¹⁶Rozy reo le manao izay ampitiava, mahay fa zaho ro napetraky eto ho fiarova ty filazantsara. ¹⁷Fa azy voalohany rety le mitory an'i Kristy

amity fitiavan=tena, fa tsy tso_po. Rozy reny le mihevitsy fa hanakoronta ahy laha mbo anaty ty fifatorako aho.
¹⁸Ino va? Amity fomba iaby, na amity fiatsaram_belatsihy na amity ha to, Kristy ro toria, ka manitra aminizay aho. Eka, hanitra zaho, ¹⁹fa haiko fa zay ty hiafara ty fanafaha ahy amity alalan'ireo vavakinareo noho ty fanampia ty Fanahin'i Jesosy Kristy.²⁰zay le araky ty fandinisako fatratsy noho ty antoky fa zaho le tsy ho menatsy mihintsy, noho mbo amy fahasahirana iaby koa, amizao mitovy amy fahizay, le hisandratsy amity vatako Kristy, na amity fiaina na amity fahafatesa.²¹ Ho ahy ty hoe miai defa Kristy voho ty hoe maty ro tombony.²²Fa laha miai amity nofo aho, le midika asa mahavokatra ho ahy zay. Kanefa ino ty ho fialiako? Tsy haiko.²³Fa voapiritry mare anivon=drozy roa aho. Ty faniriako le ty handeha hiaraky amy Kristy, zay soa lavitry,²⁴ kanefa ty mipetraky anaty ty nofo ro ila kokoa noho nareo²⁵sy lahatry ny amizay, ka haiko fa hipetraky noho hanohy hiaraky aminareo iaby aho, ho ahy ty fandrosoanareo noho ty fifalea anaty ty finoa.²⁶ Mba ho amiko ao hisy antony hirehareha amy Kristy Jesosy nareo lafa mimpoly aminareo any ndraiky aho.²⁷ Mandesa vata amy fomba mendriky ty filazantsara an'i Kristy, ka na avy hanenty anareo aho na tsy eo, de afaky hijanjy ty momba anareo, fa mijoro mare amy ty fanahy raiky nareo, amy ty say raiky miraky miezaky ho hoahy ty finoa filazantsara.²⁸Noho ka mety ampitahory ndrozy zay fahavalonareo. Mariky ty fahapotehan_drozy zay, fa mariky ty famonjea anareo koa nefa zay baka amin'Andriananahary.²⁹Fa nomea anareo zay, ho ahy Kristy, tsy hoe mba hinoa aze avao, fa hijalea ho ahiny koa,
³⁰fa nareo ro mana aly mitovy amy ze hitanareo tamiko, noho ze horenao amiko amizao.

Chapter 2

¹Laha misy fampahereza amy Kristy ao, laha misy fampionona baka amy ty fiteany, laha misy famindrampo bevata noho fiantra, ²le anovo feno ty fifaleako amity fisaina manahaky zay, amity fanana hatea mindre, amity firaisa am_panahy, noho amity fanana tanjona mindre³ka manao na ino na ino amity hatea tena na fanambonian_tena fahatany. Fa amity fiambania Koa noho ty fihevera ty hafa mihoatry ty vatanareo. ⁴Tokony tsy hila ze mahasoa ty vatanareo kiraikiraike nareo, fa ze mahasoa ty hafa koa. ⁵Mandiniha mitovy amity fisaina azy tamin'i Kristy Jesosy iny koa. ⁶Fa nisy araky ty endrik' Andriananahary ie, fa tsy nihevitra ty fitoviany amin'Andriananahary zao ho raha hifikira ie. ⁷Ty mifanohitra amy zay, nifoanane ty vatany. Nangalaky ty tarehy ty mpamono ie. ka niseho hanahaky ty olombelo ie. Ary hita nanahaky tany ty olombelo ie. ⁸Niambany ie ka nanjary nenkenine iaby ndra ty fahafatesa, azy fahafatesa tany hazofijalia iny⁹Ka noho izay le nasondrot'Andriananahary amy farany ambony koa ie. Nameany ty Anara ze farany ambony ty anara iaby ie. ¹⁰Nanoviny zay mba ho amy Anaran'i Jesosy ro handohaliha ty lohalike iaby, ty lohalike ndrozy azy an_danitra any rey voho ty an_ tany etoy noho koa ty ambany tany any. ¹¹Nanoviny zay hanenkea ty lela iaby fa i Jesosy Kristy ro Tompo, ho voninahitsy Baba Andriananahary. ¹²Noho zay, ry teako, mitovy avao amy ty fanenkeanareo, tsy anilako eo avao fa mihoatsy lavitsy ty henanio lafa tsy eo zaho, ka atoro amy tahotsy noho hiroro ty famonjea anareo. ¹³Safe Andriananahary ro miasa aminareo ao mba vono hanao ro sady hiasa hoahy ty fifaleany nareo. ¹⁴Anovo tsy ampitaraina na fialian_keitse ty raha iaby. ¹⁵Manaova manahakizay mba ho lasa anak'Andriananahary tsy misy hakeo voho tò, tsy misy tsikony nareo. Miasa fa zay ty hampampirapiratsy anareo mitovy amity fahazava amy zao tontolo zao, anivo ty taranaky meloky noho maheriloha. ¹⁶Militiha mare amity safà ty fiaina mba hananako antone hisengesengea amity andron'i Kristy. Fa amizay le ho haiko fa tsy trobo maiky ty nirotorotoako noho tsy trobo maiky ty niasako. ¹⁷ka na aily ho fanatitsy amity soro eo noho fanompoam_pinoa aza zaho, le manitra zaho, noho miarakany manitra aminareo iaby zaho. ¹⁸sady manahaky zay koa ty hanitrànareo, noho miarakany manitra amiko nareo. ¹⁹Fa manantena amy Tompo Jesosy ao zaho fa handefa an'i Timoty aminareo any malaky, mba hahery koa zaho lafa haiko ty raha mikasiky anareo. ²⁰Fa tsy mana olo hafa mindre toe_ tsay aminy zaho, zay tena manahy tu aminareo. ²¹Fa rozy iaby le mila ty tombon_tsoane, fa tsy ty rahan'i Jesosy Kristy. ²²Fa hainareo ty hasoany, safe manahaky ty aja manompo ty babany, ty nanompoany niarakany tamiko tany filanzantsara tao. ²³Ka manantena ty handefa aze zaho laha voho hitako hoe manao akory ty fandeha_draha amiko atoy. ²⁴Fa matoky ty Tompo zaho fa ho avy any malaky koa ty vatako. ²⁵Laha nandiniky zaho fa ilà avao koa ty mampimpoly an'i Epafrodito aminareo any. Rahalahiko ie noho mpiarakany miasa voho mpiarakany mpialy, noho mpanday hafatrinareo ie no mpanomp amize ilako azy. ²⁶Fa niazo ty fahasahirana mare ie, safe renareo fa narary ie. ²⁷Fa tena narary ie ka saiky mate. Fa namindra fo taminy Andriananahary, noho tsy taminy raiky, fa tamiko kea, mba tsy halahelo ambony ty alahelo zaho. ²⁸Ka ampaharisiha bevata iaby ro handafasako aze, ka lafa hahita aze ndraiky nareo le mba hanitra ha le ho afaky amy ty fanahiako zaho. ²⁹Rambeso amy Tompo ao Epafrodito miarakany amity fanitra iaby. Hajao ty olo manahaky aze. ³⁰Fa ho ahy ty asan'i Kristy ro niharineany ty fahafatesa. Fa nanao ty ainy tsy ho ie ie hanompoa ahy mba hanantanterahany de tsy afaky nataonareo tamity fanompoa tamiko.

Chapter 3

¹Farany, ry rahalahy, manitrà amy Tompo ao, Tsy manahira ahy ty mampimpoly manoratsy raha rey hoahy nareo. Raha rey hiaro anareo. ²Mitandrema amy amboa reo. Mitandrema amy mpanao raty reo. Mitandrema amy fanapaha rantsam_bata reo. ³Fa tsika ro voa savatse. sady tsika ro manompo amy Fanahin'Andriananahary. Sady tsika ro mirehareha amy Kristy Jesosy ao, noho tsy manafahatokisa amy nofotsy. ⁴Na zay aza, zaho vatako le afaky mifanta amy nofotsy. Laha misy olo mihevitra fa ie le mana fahatokisa amity nofotsy, afaky manao mihoatry izay zaho. ⁵Nisavary tamity andro fahavalo zaho, teraky tamity vahoakin'Isiraely, tamity foko iry Benjamina tao, Hebreo tamity Hebreo reo tao zaho; araky ty lala, le Fariseo zaho. ⁶Tamy fahazotoam_po, le nanenjiky ty fiangona aho; Laha ty amity rahamarina ambany ty lalàna, le tsy nana hakeo zaho. ⁷Fa na ino na ino tombony ho haiko, le nirambesiko hanahaky ty fatiantoky rey noho ty amy Kristy. ⁸Laha ty tena ie, nivetsevetseko ho fatiantoky iaby raha iaby reo noho ty habevata ty faha'ala an'i Kristy Jesosy Tompoko. Noho ie le nariako ty raha iaby. Neretseretiko ho fako rey mba hahazahoako an'i Kristy ⁹ka ho hita Aminy ao zaho. Tsy mana ty fahamarina ho ahy ty vatako baka amy ty lalàna zaho. Fa kea, mana ty fahamarina azy tamy alala ty finoan' i Kristy zaho, fahamarina baka amy Andriananahary azy mifototsy amy finoan'. ¹⁰Ka amizao le te hahay Aze noho ty hery ty fitsanganane tamy mate noho ty fiharoa amy fijaleany reo zaho. Ta hiova amy alalan'i Kristy zaho mba hanahaky ty fahafatesany, ¹¹mba hahafahako mahatsapa ty fitsangana amy ty maty. ¹²Tsy to fa nandramby raha reo sady zaho, na koa hoe niavy tanteraky zaho. Fa miezaky zaho mba handrombahako ty nandrombahan'i Kristy Jesosy ahy. ¹³Ry rahalahy, tsy mieritseritsy zaho fa ty vatako le fa nandrombaky zany. Fa misy raha raiky: halinoako ze afara any miezaky ho ahy ze aloha zaho. ¹⁴Miezaky manatratsy ty tanjo zaho mba hahazo ty loka ty kaiky baka ambony any baka amin'Andriananahary amy Kristy Jesosy ao. ¹⁵Tsika iaby ze manitsy, mba mieretsereta tsika mitovy amizay; ary laha misy eritseritsinareo hafa mikasiky raha iaby, le hasehon'Andriananahary aminareo koa zay. ¹⁶Fe, na ino na ino ty fa tsatsintsika, ao tsika hilitiky amizay. ¹⁷Aleo ho mpanagakatahaky ahy, nareo ry rahalahy. Vetsevetseo mariniky azy mandeha reo araky ty ohatsy aze hitanareo aminay eo. ¹⁸Maro mandeha reo_ azy fa nivolaniko anareo matetiky reo, ary amizao zaho mivola aminareo an_dranomaso_mitovy amy rafin'ny hazofijalian'i Kristy. ¹⁹Fandringana ro fiakaran_drozy. Fa ty sarotsony ro Andriananahariny, voho amity fahamenarany ty fireharehan=drozy. Mieritseritsy ty rahan'izao tontolo izao rozy. ²⁰Fa an-danitsa any ty fanjakantsika, azy handinisantsika Mpamonjy ont koa, le ty Tompo Jesosy Kristy. ²¹Ie ro hanova ty vatantsika aze malemy iny mba ho vata manahake ty vata atsiky voninahitsy, zay nanovy tamity hery ty fahefany mba hampanenky ty raha iaby amity vatany.

Chapter 4

¹Noho izay, ry rahalahy lalàko azy mahajangobo ahy, fifaleako noho satro-bonihitsiko, amy izay le mitsangana soa amy Tompo ao, ry namako teako. ²Miangavy an'i Eodia zaho, noho miangavy an'i Syntyke, miharoa say amy Tompo ao. ³Voho, mangataky aminao avao koa zaho, ry namako mpiaraky Zioga: Ampeo ampela reo. Safe rozy ro niaraky niasa tamiko tamity fampieleza ty Filazantsara niaraky tany Klementa noho aze sisa nama mpiaraky miasa amiko iaby rey, azy fa anay ty boky ty Fiaina ty anaran-drozy. ⁴Mafalea avao amy Tompo ao. Hoy zaho, mifalea. ⁵Engao ho hay ty olo iaby ty fahatso-poreo. Fa mariny ty Tompo. ⁶Ka manahy na amin'ino na amn'ino. Fa kea, amy raha iaby amy ty alala ty vavaky noho fanagataha, miaraky amity fisaora, engaho ty hatakinareo ho hain'Andriananahary. ⁷Voho ty fiadanan'Andriananahary, azy mihoatry ty fahalalà iaby, hiaro ty fonareo noho ty vetsevetse nareo iaby amy Kristy Jesosy ao. ⁸Iafarany, ry rahalahy, na ino na ino to, na ino na ino mana-kaja, na ino na ino ty rariny, na ino na ino malio, na ino na ino mahafinaritsy, na ino na ino volany fa soa, laha misy na ino na ino tena soa, laha misy na ino na ino tokone ho derà, le mihevera any raha reny. ⁹Ze raha nianaranareo noho nirambesinareo noho nirenareo voho nijerinareo tamiko, anovo raha reny, ary ty Andriananahary ty fiadana hiaraky aminareo. ¹⁰Manitra bevata amy Tompo ao zaho safe nihavaozinareo koa henanio ty fihaveranareo ahy. Fa nihevitsy ahy vatany nareo taloha teo, fa tsy nisy fahafaha hoahinareo mba hanampy. ¹¹Tsy mivola izay zaho safe anay ty tsy fahampea. Fa nianatsy hanitra amy ze raha miseho iaby zaho. ¹²Haiko ty hoe mahantra voho haiko koa ty hoe mpanarivo. Amy ty fomba iaby noho amity raha iaby le nianatsy ty tsiambaratelo ty fihinanam-be noho ty hakere zaho, noho ty hoe mpanarivo noho ty hoe anay ty tsy fahampea. ¹³Afaky manao ty raha iaby zaho amy ty alala ty azy mampafatratsy ahy. ¹⁴Safe, nareo nanao ty soa tamiko tamity fahasahiranako. ¹⁵Ka nareo Filipiana mahay fa tamity fiandoha ty filazantsara, lafa nanenga an'i Makedonia zaho, le tsy nisy fiangona nanoha ahy laha ty mahakasiky ty fanomezana noho fandraisa laha tsy nareo avao. ¹⁶Na tany zaho ta Tesalonika aza, le nandefa fanampia hoahy ze nilako mihoatsy ty indraiky mandeha nareo. ¹⁷Tsy hoe mila fanomezana zaho. Fa kea, mila vokatsy ze mampiakatsy ty voninahitsinareo zaho. ¹⁸Nandramby raha iaby reo zaho, sady mana maro biby. Fa atsiky zaho. Niazoko baka tany i Epafrodito raha bakaminareo reo. Reo ro hanitsy manim-pofa, azy fanatitsy azo ekena noho ankasitsahin'Andriananahary. ¹⁹Noho ty Andriananahariko hameno ze iaby ilanareo araky ty harena ty voninahitsy amy Kristy Jesosy ao. ²⁰Noho hoahy ty Andriananahary voho Babantsika ane ty voninahitsy mandrakizay doria. Amena. ²¹Manova veloma ty mpino iaby amy Kristy Jesosy ao. Azy rahalahy miaraky amiko rôle manao veloma anareo. ²²Aze mpino iaby ze eto manao veloma anareo, indrindra aze baka amy ankohonan'i Kaisara reo. ²³Ty fahasoa by Tompo Jesosy Kristy anie ho amy ty fanahinareo. [Fanamarihana: Misy ty fandika sasany manampy hoe:"Amena"]

Colossians

Chapter 1

¹Paoly, apostoly i Kristy Jesosy amy ty alala ty sitsapon-Janahary, sady i Timoty rahalahintsika, ²ho ahy ty mpino noho rahalahy matoky rey amy ty Kristy ao ze a-Kolosia any. Ho aminareo lahy ty fahasoa, noho ty fiadana baka amin-Janahary Babantsika. [Fanamariha ambany ty pejy: misy dikan-tsafa ilany manampy hozao: "sady ty Tompo Jesosy Kristy"]. ³Manome fisaora an-Janahary tsika, azy Baba ty Tompontosika Jesosy Kristy iny, sady mivavaky zisiky farany ho ahy nareo zahay. ⁴Fa renay ty finoanareo an'i Kristy Jesosy sady ty fitiava ze anananareo ho an'i ze iaby voatoka ho ahin-Janahary. ⁵Mana fitiava zay nareo noho ty fanantena azo antoky natoka ho ahy nareo an-danitsy any. Renareo ty mikasiky fanantena azo antoky io taloha ty safa amy ty fahamarina, ty filazantsoa, ⁶ze avy aminareo. Filazantsoa toy ro manday vokatsy sady mitombo era ty tany iaby toy. Zay ro fa nanao zay faminao avao koa nanomboky tany ty andro naharezanao azy sady nianaranao ty mikasiky ty fahasovan-Janahary amy ty marina ao. ⁷Ilazantsoa ze manahaky ty nianaranareo tany ty Epafra toy, azy mpiara-manompo malalantsika iny, ze mpiasa matoky i Kristy amy ty anaranantsika. [Fanamariha ambany ty pejy: misy dikan-tsafa ilany mivaky hozao: "Amy ty anaranareo"] ⁸Nampahay ty afra anay ty fitiavanareo ty Fanahy. ⁹Laha fitiava io, zisiky amy ty andro naharezanay zay le tsy nijano nivavaky ho ahy nareo zahay. Nangataky zahay mba ho atsiky fahaiza ty sitsapony amy ty fahendrea iaby noho fahaiza ara-panahy nareo. ¹⁰Nivavaky zahay mba handehananareo am-pahendrea amy ty Tompo ao amy ty fomba enken-Janahary rey. Nivavaky zahay mba hamokatsy amy ty asa soa iaby nareo sady mba hitombo fahaiza an-Janahary. ¹¹Mivavaky zahay mba hahazo hery amy ty fahaiza iaby nareo manahaky ty hery ty voninahitsy amy ty fiareta noho ty fahareta. ¹²Mivavaky zahay mba hanome fisaora ahy ty Babantsika am-pifalea nareo, ze nafahanareo hana anjara

amy ty lova mpino rey amy ty fahazava [Fanamariha ambany pejy: misy dikah-tsafa ilany mivaky hozao: "ze nafahantsika nana anjara"].¹³ Namonjy antsika tamy ty fanapaha ty haiky noho namalo antsika ho amy ty fanjaka ty Anakilahiny teany any le.¹⁴ Amy ty Anakilahiny ao ro ananantsika ty fanavota, ty fanenga vahota rey. [Fanamariha ambany ty pejy: misy dikan-tsafa ilany mivaky hozao: "Amy ty Anany ao ro ananantsika fanavota amy ty alala ty liony, le ty fanenga fahota rey."]¹⁵ Ty anakilahy ro endriky azy Njanahary tsy hita maso iny. Ie azy teraky velohany tamy ty fahariana iny.¹⁶ Fa tamy ty alalany ro nahariana ty raha iaby, ze an-danitsy any noho ze anabo ty tany etoy, raha hita maso noho tsy hita rey. Ndra seza fipetsaha rey, ndra fanapaha rey, ndra fandaisam-panjaka, ndra manam-paheca rey, raha iaby rey ro nihare tamy ty alalany noho ho azy.¹⁷ Ie ro aloha ty raha iaby, sady aminy ao ro hahareta ty raha iaby.¹⁸ ro loha ty vata, noho ty egilizy. Ie ro anomboha noho teraky velohany bakeo anivo maty rey, ka le ie ro nana toera velohany tanivo raha iaby rey eo.¹⁹ Safe enken-Janahary ty tokony ty hiaina ty hasoany iaby aminy ao,²⁰ sady mba hampilongo amy ty alala ty Anakilahy amy ty raha-iaby amy ie vatany. Njanahary ro nilongo tamy ty alala fy lio ty hazo fijaleany. Njanahary ro nampilongo ty raha-iaby tamy ty vatany, ndra ty raha iaby an-danitsy any.²¹ Tamy ty fotoa raiky, nareo avzo koa, ro vahiny tamin-Janahary sady fahavalony fan-tsainy ao noho tamy ty asa raty rey.²² Fa amy zao ie ro nampilongo anareo tamy ty vatany iaby tamy ty alala ty fahafatesa. Nanoviny zay mba hananova anareo ho masy, tsy hanam-pondro anilany eo, sady nangalaky baraka azy noho ty fanadatia,²³ laha manohy amy ty finoa nareo, miory noho mahery ory, le ka mihataky amy ty fanantena lahatoky ty filazantsoa ze renareo. Toy ro filazantsoa ze nambara tamy ty olo iaby nihare ambany lanitsy. Toy ro filazantsoa ze, nahavy ahy, Paoly, ho mpiasa.²⁴ y zao zaho le faly amy ty fijaleako ho ahy nareo, sady zaho ro nanatsiky ty nofotsiko ze tsy ampy amy fahoria i Kristy rey noho ty vatany, le ty egilizy.²⁵ Laha ty egilizy ro nahapiasa ahy, manahaky ty asa baka amin-Janahary ze nameany ahy ho ahy nareo, mba hahantanteraky ty safan-Janahary.²⁶ Io ro marina tsy hita ze navony tanay ty tao lako noho ho ahy ty tariha rey. Fa amy zao le fa niboaky zay tamy ze mino azy rey.²⁷ Tamin-drozy ro tean-Janahary nampabaizy hanana ty voninahitsy rey ty fahamarina tey hita toy tanivo ty Jentilisa. Zay ro Kristy ro aminao ao, azy toky ty voninahitsy ho avy iny.²⁸ Le ie azy nanambaranay iny. Nananatsy ty olo iaby zahay, sady nampianatsy ty olo iaby tamy ty fahendrea iaby, mba hanomezantsika ty olo iaby atsiky amy i Kristy ao.²⁹ Laha zay le miasa maré zaho noho miezaky manahaky ty tanjany ze miasa amiko ato amy ty hery.

Chapter 2

¹Fa teako ho hainareo ty habevata ty aly nanoviko ho ahy nareo, ho ahy ty Laodikia any, noho ho ahy ty lako mbo tsy nahita ty tarehiko tamy ty nofotsiko rey. ²Miasa zaho mba hampahery ty fon-drozy amy ty fampiraisa androzy miarakay amy ty fitiava noho ty hanana ao. iaby amy ty fahaiza ty fahamarina tsy hitan-Janahary, zay hoe, i Kristy. ³Aminy ao ty hanana ty fahendrea noho ze fahaiza iaby noho tsy hita. ⁴Mivola zay zaho mba tsy hisy hitariky anareo amy ty lahateny mandresy lahatsy. ⁵Ndra le tsy miarakay aminareo amy ty nofotsy ao aza zaho, le miarakay aminareo amy ty fanahy ao. Faly zaho mahita ty filaminanareo soa noho ty tanjaky ty finoanareo an'i Kristy. ⁶Laha nandramby an'i Kristy Tompo nareo, le mandeha aminy ao. ⁷Mifeheza mare aminy, miorena aminy ao, miorena amy ty finoa ze fa nampianary anareo, sady mazotoa manome fosaora. ⁸Miembena mba tsy hanenga olo hanambotsy anareo amy ty alala ty filozofiy ndra ty fitaky avao manahaky ty nanovy ty olo, ze manoriky ty endriky ty tany iaby toy, fa tsy manahaky an'i Kristy. ⁹Fa Aminy ao ro mipetsaky ty fahasoava ty safan-Janahary iaby. ¹⁰Atsiky nareo Aminy ao. Ie ro loha ty hery noho ty fahefa iaby. ¹¹Taminy ao avao koa nareo ro nisavary tamy ty fanavara ze tsy nanovy ty olombelo amy ty fangala ty nofotsy amy ty vata, fa tamy ty fanavara i Kristy. ¹²Niaraky-nalevy taminy tamy ty batisa nareo, sady Taminy ao ro nampitsangana anareo tamy ty alala ty finoa maherin-Janahary, ze nampitsanga azy tamy ze maty rey. ¹³Tamy nareo mbo maty tamy ty fahota noho ty tsy fahavita ty nofotsinaeo fanavara, ie ro namelo anareo niarakay taminy noho nanenga antsika tamy ty fahotantsika iaby. [Fanamariha: hozao: "sady nanenga ty fahotantsika iaby"] ¹⁴Nifafany ty rakitsoratsy ty tsosam-panafaha noho fitsipiky nifanohitsy tamintsika rey. Nalany iaby zay sady nifantsihiny tamy ty hazo fijalea eo. ¹⁵Nalany hery rey noho fahefa rey, sady Ie ro nanao fampisehoa ampahibeimaso androzy, nandresy mandilatsy androzy tamy ty hazo fijalea. ¹⁶Ka le, ka enga hisy hitsara anareo ndra amy ty fihinana ndra amy ty finoma, ndra amy ty andro fety ndra amy ty vola vaovao, ndra amy ty andro Sabata. ¹⁷Zay ro aloky ty raha ho avy, fa ty tena ie le i Kristy. ¹⁸enga hisy ndra ia ndra ia ze mila ty fanetseham-bata noho ty fanompoa ty anjely hitsara anareo ka le tsy hahazoanareo ty lokanareo. Ty olo manahaky zay ro militsy amy ty raha hitany sady manjary mirengirengy amy ty fisia ty nofotsiny. ¹⁹Tsy mitanjaky ty lohany ie. Zay ro baka amy ty loha ze namean-Janahart ty vata iaby mameno ty vanin-taolany noho ty hozany ze manome ka le mitanjaky iaby zay miharo; zay ro mitombo miarakay amy ty fampitombo namean-Janahary. ²⁰Laha maty niarakay tamy i Kristy nareo tamy ty endriky ty tany iaby toy, nanino moa nareo ro miay manahaky ty voatery amy ty tany: ²¹"Ka miodiky, ka manondrotsy, sady ka mikasiky"? ²²Raha iaby zay ro ho ahy ty fahalova, manahaky ty torolala noho ty fampianaran'olombelo. ²³Fitsipiky rey ro mana fahendrea ty fomba fivavaha, ty fanetsem-bata ze nanovy ty vatany manoka sady ty fampijalea ty vata. Fa ndrozy ro tsy manan-danja amy ty fanohera ty fandefera ty fila ty nofotsy.

Chapter 3

¹Ka laha Njanahary ro nampitsanga anareo niaraky tamy i Kristy, anovo raha anabo any rey, ze ipetsaha i Kristy an-tanan-kavanan-Janahary eo rey. ²Saino raha anabo any rey, fa tsy raha an-tany eto. ³Fa maty nareo, sady ty fiaianareo le tsy hita miaraky amy i Kristy amin-Janahary ao. ⁴Lafa miboaky i Kristy, ze fiainanareo, le nareo koa hiaraky-hiboaky aminy amim-boninahitsy ao. [Fanamariha ambany ty pejy eny: Dikan-tsafa taloha ilany rey mivola hozao: "Lafa miboaky Kristy, ze fiainanareo, le nafeo avao koa ro hiaraky-hiboaky miaraky aminy am-boninahitsy.]⁵Vonó, bakeo, mpiharo ze an-tany eto rey- ty fila-raty, fahalotoa, fireheta ty fila, faniria rsty, sady fahabohea, ze fanompoan-tsampy. ⁶Laha raha rey ro hahavy ty helokin-Janahary amy anaky ty raty fankatoava.[Fanamariha ambany ty pejy eny: Ty dikan-tsafa taloha ilany mivaky hozao: Ty dikan-tsafa taloha ilany mivaky hozao: "Laha raha reny ro mahavy ty helokin-Janahary."] ⁷Tamy raha reny ao ze nandehananareo reny taloha avao koa lafa mbo niay tamy nareo reny. ⁸Fa amy zao nareo le tsy maintsy manary raha iaby reny - heloky, halaginy, fikasa-raty rey, fahativativa rey, sady tena fahativativa baka amy ty vavanareo.⁹Ka mifampavandy, fa narianareo ty toetsy taloha miaraky amy fampihara taloha miaraky amy ty fampihara rey zay, ¹⁰sady nampisikininareo ty toetsy vaovao ze nihavaozy amy ty fahaiza ao manahaky ty endriky ze namoro zay. ¹¹Amy zay ao ro tsy misy Grika noho Jiosy, vita savatsy noho tsy vita savatsy, barbariana, Skytiana, andevo, olon'afaky, fa i Kristy ro iaby, sady amy ty iaby ao.¹²Ka le, misikina, manahaky ty maha-olom-boatingin-Janahary, masy sady tea, famalozam-po, hasoam-panahy, fanetsem-bata, fahalemam-panahy, sady fahareta. ¹³Mifampandaisa soa. Mifanengà. Laha misy olo raiky mana fitaray mikasiky ty olo hafa, manengà manahaky ze nanenga ty Tompo anareo. ¹⁴Anabo raha iaby reny, manàna fitiava, ze mamehy antsika amy ty fahatanteraha. ¹⁵Engao ty fiadana i Kristy hanapaky amy ty fonareo ao. Fa ho ahy fiadana zay ro nikaiha anareo ho vata raiky. Sady misaora. ¹⁶Enga anie ty safa i Kristy hipetsaky lako aminareo ao. Amy ty fahendrea iaby mifampianara sady mifananara amy ty salamo noho fihira rey sady hira ara-panahy. Mihirà amy ty fisaora am-ponareo ao ho ahin-Janahary. ¹⁷Ndra ino ndra ino anovinareo, ndra amy ty safa ndra amy ty asa, anovo amy ty anara ty Tompo Jesosy ty iaby. Manomeza fisaora ho ahin-Janahary azy Njanahary amy ty alalany iny.¹⁸pela a, manenkea ty valinareo, fa zay ro mety amy Tompo ao. ¹⁹Lahilahy e, tiavo ty valinareo, sady ka masiaky amin-drozy. ²⁰Anaky e, manenkea ty ray aman-dreninareo amy ty raha iaby, fa zay ro anke amy ty Tompo ao. ²¹Baba a, ka manao ze mampalahelo ananareo rey, mba tsy ho kivy ndrozy.²²Andevo e, manenkea ty tomponareo manahaky ty nofotsy amy ty raha iaby rey, tsy amy ty asa amaso eo manahaky ty olo mpila sitsaky, fa amy ty fo tsotsa. Matahora Tompo. ²³Ndra ino ndra ino anovinareo, miasà baka amy ty fanahinareo manahaky ty ho ahy ty Tompo fa tsy ho ahy ty olo. ²⁴Hainareo fa nareo ro handramby ty valisoa ty lova baka amy Tompo. Ie ro Tompo Kristy ze tompoinareo. ²⁵Fa ze manao ty tsy fahamarina ze nanoviny, sady tsy misy fizahan-tarehy.

Chapter 4

¹Tompo e, ameo andevo rey ze marina noho rariny. Hainareo fa nareo avao koa mana tompo raiky an-danitsy any.²Mahareta zisiky farany amy ty fivavaha. Miembena amy zay amy ty fanomezana fisaora. ³Miaraha mivavaky ho ahy nay avao koa, mba hamohan-Janahary varavara ho ahy ty safa, mba hivola ty fahamarina tsy hita i Kristy. Laha ty amy zay, le voafehy zaho. ⁴Mivavaha mba hafahako manazava zay, laha tokony hivola zaho.⁵Mandehana amy ty fahendrea amy ze ambaliky any rey, sady hararoto ty fotoa. Enga anie ty safanareo hiaraky amy ty fahasoava zisiky farany. ⁶Engao rozy ho bongana-tsira, mba hafahanareo mahay ty fomba tokony hamalianareo ty olo kirai-draiky.⁷Laha raha mikasiky ahy rey, le i Tykyko ro hampahay rey aminareo. Ie ro rahalahy tea, mpiasa matoky, szdy mpiara-manompo amy Tompo ao. ⁸Nalefako aminareo any ie laha zay, mba hafahanareo mahay ty raha mikasiky anay, sady mba hafahany mampahery ty fonareo. [Fanamariha ambany ty pejy eny: dikan-tsafa ilany taloha rey mivaky hozo: "nalefako aminareo any ie laha zao, mba hafahany mahay raha mikasiky anareo rey, sady mba hafahany mampahery ty fonareo".] ⁹Nalefako ie niarwky tamy i Onesimosy, azy rahalahy mahatoky iny sady tea, ze raiky aminareo. Ndrozy ro hivola aminareo ty raha-iaby ze fa nitsanga tatoy. ¹⁰Aristarko, azy miaraky-migadra amiko iny, ro miarahaba anareo, manahaky zay koa i Marka, longo i Barnabasy (ze nahazoanareo beko; laha mana aminareo any ie, le rambeso), ¹¹sady Jesosy avao koa ze kaihy hoe Josto. Ze baka amy ty vota savatsy rey avao ro mpiara-miasa amiko ho ahy ty fanjakan-Janahary. Fampionona ho ahy ndrozy.¹²Epafa ro miarahaba anareo. Raiky aminareo ie sady mpiasa i Kristy Jesosy. Mitolona am-bavaky ho ahy nareo avao ie, mba hahantanteraky anareo sady hahazo antoky tanteraky amy ty sitsapon-Janahary iaby ao. ¹³Fa mitsanga vavolombelo ho azy zaho, fa miasa mare ho ahy nareo ie, noho ho ahy ty Laodika any, sady ho ahy ze Hierapolia rey any. ¹⁴Lioka azy mpitsabo malala noho Demasy iny ro miarahaba anareo.¹⁵Harabao rahalahy rey a-Laodika any, noho Nymfa, sady ty egilizy ze an-tsanony ao. ¹⁶Lafa voavaky anivonareo eo taratasy toy, le anovo vaky amy ty egilizy ty Laodikiana ao avao koa, sady anovo voavakinareo avao koa ty taratasy baka Laodika any. ¹⁷Ambarao i Arikipo hozo: "Embeno ty asa fanompoa ze nirambesinareo tamy Tompo ao, fa tokony ho tanterahinareo zay."¹⁸Fananovam-beloma toy ro anovy ty tanako manoka -Paoly. Tiarovo ty fifehezako. Ho aminareo lahy ty fahasoava.

1 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, Silasy, sady Timoty ho ahy ty eTesaloniana rey amin-Janahary Ray noho Jesosy Kristy Tompo ao. Ho aminareo lahy ty fahasoava noho ty fiadana. [Fanamariha: dikan-tsafa ilany taloha rey ro mivaky hozo: "Ho aminareo lahy ty fahasoava noho fiadana baka amin-Janahary Ray noho Jesosy Kristy Tompo."]²Manome fisaora an-Janahary zisiky farany zahay ty aminareo iaby, ka le manono anareo amy ty vavaky. ³Zahay ro tsy mijano ty mahatiaro anareo anilan-Janahary Babantsika eo ty asa ty finoanareo, ty asa ty fitiavanareo, sady fatokisanareo ela ho ahy ty ho avy amy i Jesosy Kristy Tompontosika ao.⁴Rahalahy tean-Janahary, hainay fa Ie ro fa nitingy anareo, ⁵safe ty filazantsoanay ro avy taminareo tsy tamy ty safa avao, fa tamy ty hery avao koa, tamy ty Fanahy Masy, sady ty fahatokisa bey. Mitovy amy zay, nareo avao le mahay hoe olo manahaky ty ino zahay taminareo eo noho ty aminareo.⁶Nanjary nanahaky anay nohp ty Tompo nareo, tamy ty nandrambesanareo ty safa tamy ty aly sarotsy bevata noho tamy ty fifalea baka amy ty Fanahy Masy. ⁷Vokatsy zay, avy hohatsy ho ahy ty iaby ze mino a-Makedonia noho Akaia ao nareo.⁸Fa baka aminareo ro nanenoa ty safa ty Tompo, sady tsy ta Makedonia noho Akaia ao avao. Fa koa, tamy ty toera iaby eny ro niparitaha ty finoanareo an-Janahary. Vokatsy zay, le tsy mila mivola ndra ino ndra ino tsika. ⁹Fa ndrozy avao ro hivola ze fandrambesa azonay taminareo eo. Ndrozy ro mivola ty fomba nitolihanareo tamin-Janahary ka le niala tamy sampy rey mba hanompo an-Janahary velo noho marina. ¹⁰Ndrozy ro nanesy fa nareo ro mandiny ty Anany baka an-danitsy any, ze nantsangany tamy maty rey. Jesosy zay, ze manafaky antsika amy ty heloky ho avy.

Chapter 2

¹Fa ty vatanareo ro mahay, rahalahy, fa ty fiavianay taminareo eto ro tsy rava. ²Hainareo fa taloha eo ro nijaly sady nalam-baraka ta Filipy any zahay. Zahay ro baibo tamin-Janaharinay ao hivola taminareo ty filazantsoan-Janahary tanay ty fanohera bevata ao. ³Safe ty fananaranay ro tsy baka amy ty fahadisoa, ndra baka amy ty fahalotoa, ndra baka amy ty fitaky. ⁴Fa koa, manahaky ty nanenkenan-Janahary anay mba hatokisa amy ty filazantsoa, laha zay le mivola zahay. Mivola zahay, tsy hampifaly ty olo, fa hampifaly an-Janahary. Ie azy mahay ty fonay iny. ⁵Safe tsy le nampiasa ndra ombia ndra ombia safa fandokafa rey zahay, manahaky ty hainareo, ndra koa ho fialan-tsiny amy ty faniria, safe Njanahary ro vavolombelonay. ⁶Ndra koa nila ty voninahitsy baka amy ty olo zahay, ndra koa baka aminareo ndra baka amy hafa rey. Zahay ro afaky nitaky tombontsoa manahaky apostoly i Kristy rey. ⁷Fa koa, zahay ro tsotsa taminareo eo manahaky ty reny mankahery ty anany naterany. [Fahamarina: dikan-tsafa hafa ilany rey ro mivaky manahaky zao: "Fa koa, zahay ro manahaky ty aja kelikely taminareo eo, lafa mankahery ty anany naterany ty reniny."] ⁸Le manahaky zay ro nanananayfitiava ho ahy nareo. Faly zahay mizara aminareo, tsy ty filazantsia an-Janahary avao, fa ty fiainanay manoka avao koa. Safe nareo ro nanjary malalanay vatany. ⁹Safe tiaroanareo, rahalahy, ty asanay noho ty havoahanay. Andro hono ty haly ro niasanay mba tsy ahafanay mampanday mavesatsy ty raiky aminareo. Anay fotoa zay, le nitory ty filazantsoan-Janahary taminareo zahay. ¹⁰Nareo ro vavolombelo, sady Njanahary avao koa, fa masy, noho marina, sady tsy manan-tsiny ty fandaisam-batanay taminareo eo ze mino. ¹¹Manahaky zay avao koa ro hainareo hoe manahaky ty ino ro nanovinay taminareo kirai-draiky manahaky ty anovy ty raiky amy ty anany naterany, ¹²nangataky noho nankahery sady nandrisiky an-Janahary, ze mikaiky anareo ho amy ty fanjakany ao noho ty voninahitsiny manoka. ¹³Fa dikany zay ro isaoranay avao koa an-Janahary zisiky farany. Fa nareo iaby nandramby baka aminay ty hafatsin-Janahary ze renareo, le nitambesinareo zay tsy hanahaky ty safan'olo. Fa koa, nirambesinareo zay manahaky ze marina, le ty safan-Janahary. Safa zay avao koa ro miasa aminareo eo ze mino. ¹⁴Safe nareo, rahalahy, le nanjary manahaky ty egilizin-Janahary rey a-Jodia any ze amy i Jesosy Kristy. Fa nareo avao koa ro nijaly tamy raha rey avao noho ty nanovy mpiharo tanindraza aminareo rey, sahala ty nahazo androzy koa noho ty nanovy ty Jiosy taminy. ¹⁵Jiosy rey ro namono ndra an'i Jesosy Kristy ndra olo to-resaky rey. Jiosy rey ro nandroaky anay. Tsy nanenky an-Janahary bdrozy. Fa koa, ndrozy ro fahavalo ty olo iaby. ¹⁶Ndrozy ro nandrara anay tsy hivola amy Jentilisa rey mba tsy hamonjea androzy reny. Vokatsy zay le manatsiky ty fahota ty vatany zisiky farany rozy. Ty heloky ro tsy maintsy avy amin-drozy eo amy ty farany. ¹⁷Tafasaraky taminareo zahay, rahalahy, anay ty fotoa kelikely, tamy ty famonjea fa tsy tamy ty fo. Tena nazoto mare zahay, naniry mare, ty hahita ty tarehinareo. ¹⁸Safe naniry ty ho aminareo any zahay, zaho, Paoly, san'andro, neca nanaka anay i Satana. ¹⁹Fa ino moa ty fanantenanay ty ho avy, ndra ficalea, ndra satso-boninahitsy ty fandreseana anila i Jesosy Tompontosika eo amy ty fiavianay? Moa tsy nareo manahaky ty ilany hafa koa va rey? ²⁰Fa nareo ro voninahitsy noho fifaleanay.

Chapter 3

¹Laha zay, lafa tsy afaky niaritsy zay sasy zahay, le nieretseretinay fa soa ty mipetsaky raiky ta Atena ao. ²Nandefa an'i Timoty zahay, rahalahinay noho mpiarq-miasa ho an-Janahary amy ty filazantsoa i Kristy ao, mba hampahery noho hankahery mikasiky ty finoanareo. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa ilany hafa taloha ro mivaky hozao: "Nandefa an'i Timoty Zahay, rahalahinay sady mpiasan-Janahary amy ty filazantsoa i Kristyao."]

³Nanovinay zay mba tsy hisy olo ho taitsy noho fijalea rey. Fa ty vatanareo ro mahay fa zay ro nanondroa antsika. ⁴Marina vatany, lafa niaraky taminareo zahayl le nivola aloha taminareo fa tsika ro tsy maintsy hampijalea, sady nitsanga zay, manahaky ty hainareo. ⁵Laha dikany zay, lafa tsy naharitsy sasy zaho zay, le naniraky mba ahaizako ty finoanareo. Vasa ty mpangalaky fanahy ro fa nangalaky fanahy anareo, sady ho raha-avao ty asantsika. ⁶Fa avy taminay atoy baka aminareo any i Timoty sady nanday ty vaovao mahafaly ty finoa noho fitiavanareo ho hy anay. Nivola taminay ie fa nareo ro mana fahatiarova soa anay avao, sady nareo ro maniry mare ty hahita anay manahaky ty fanirianay hahita ankareo. ⁷Laha zay, rahalahy, zahay ro nampaherezinareo noho ty finoanareo, tanay ry faharary noho fijaleanay iaby ao. ⁸Fa amy zao velo zahay, laha mipitiky mare amy ty Tompi nareo. ⁹Fa fisaora manahaky ty ino ro azonay amea an-Janahary ty aminareo, tany ty fifalea iaby ze anananay tanila ty Njanahary eo noho ty aminareo? ¹⁰Mivavaky mare andro noho haly zahay mba mety hahita ty endrikinareo noho hanome ze tsy ampy amy ty finoanareo ao. ¹¹Njanahary Babantsika vatany, sady Jesosy Tompontosika lahy, hanitsy ty lalanay ho ami areo. ¹²Ty Tompo lahy hampitombo noho hampandroso amy ty fifankatiavanareo amy ty hafa noho ty olo-iaby, manahaky ty anovinay aminareo koa. ¹³Ie lahy hampahery ty fonareo, ka le mba tsy hanan-tsiny amy ty fahamasina ndrozy anilan-Janahary Babantsika eo, amy ty fiavia i Jesosy Tompontosika mbamy masiny iaby rey.

Chapter 4

¹Sady farany, rahalahy, mampahery noho mananatsy anareo zahay amy ty Tompo Jesosy ao. Laha nahazo fampianara baka aminay rey nareo mikasiky ty fomba tsy maintsy handehananareo noho hamaleafaleanareo an-Janahary, ty amy lala andehana io avao koa, le mba ananovanareo mandilatsy zay. ²Fa nareo ro nahay fampianara ze nameany anareo tamy ty alala i Jesosy Tompo rey. ³Fa zao ro sitsapon-Janahary, le ty fanamasina anareo, mba hialanareo amy ty heriloha, ⁴ze ahaiza ty kirai-draiky baka aminareo ty fomba ahazoa ty enta ty vatany amy ty fahamasina ao noho voninahitsy, ⁵tsy amy ty filan-draty (manahaky Jentilisaze tsy mahay an-Janahary rey). ⁶Engao tsy hositra handika ndra hanaraty ty rahalahiny amy zay. Fa ty Tompo ro mamaly amy raha-iaby reny, manahaky ty nampiembenanay aloha noho nitsangananay vavolombelo taminareo. ⁷Fa Njanahary tsy nikaiky anay ho amy ty fahalotoa, fa amy ty fahamasina. ⁸Laha zay, ie ze mandà zay ro tsy mandà olo, fa Njanahary, ze nanome ty Fanahiny Masy ho ahy nareo. ⁹Mikasiky ty fifankatiava ty mpirahalaky, tsy mila olo hafa nareo hanoratsy ho ahy nareo, fa nareo vatanareo ro nampianarin-Janahary mba hifankatea. ¹⁰Anovinareo vatany zay, ho ahy ty rahalahy iaby ze era i Makedonia rey. Fa zahay ro mananatsy anareo, rahalahy, mba hanao mandilatsy. ¹¹Mananatsy anareo avao koa zahay mba hanohatsy hiay am-pilamina, hisaina ty raharahanareo manoka, sady hiasa amy ty tananareo, manahaky ty nibekoanay anareo, ¹²mba hanananareo fandaism-bata maeva anila rey eo tsy minosady tsy hanan-draha-mijaly. ¹³Fa tsy teanay tsy ho hainareo, rahalahy, ty mikasiky ze nimaty rey, mba tsy halahelovanareo manahaky ty ambiny ze tsy mana antoky ty amy ty ho avy rey. ¹⁴Fa laha mino tsika fa Jesosy ro maty sady nitsanga ndraiky, le hanahaky zay koa ro handaisan-Janahary miarakany amy i Jesosy ze fa nimaty taminy ao rey. ¹⁵Fa zao ro volaninay aminareo tamy ty safa ty Tompo, fa tsika ze velo, ze sosa tavela amy ty fiavia ty Tompo, ro tsy hitariky ze nimaty rey vatany. ¹⁶Fa ty vata ty Tompo ro hijotso baka andanitsy any. Ho avy miarakany amy ty feo abo Ie, miarakany amy ty feo ty Arkanjely, sady miarakany amy ty trompetsan-Janahady, sady ty maty amy i Kristy ao ro hitsangana velohany. ¹⁷Bakeo tsika ze velo, ze sisa tavela, hiarakany hiakatsy amin-drozy amy ty raho eny ka le hotojiky amy ty Tompo amy ty lanitsy eny. Amy zay ro hiaraka amy ty Tompo zisiky farany tsika. ¹⁸Laha zay, mifankahereza amy safa rey.

Chapter 5

¹Amy zao mikasiky fotoa rey noho vanim-potoa rey, rahalahy, tsy mila ndra ino ndra ino voasoratsy ho ahy nareo nareo. ²Fa nareo vatanareo mahay soa fa ty andro ty Tompo ro ho avy manahaky ty mpangalatsy amy ty haly. ³Lafa mivola ndrozy, "Miadana noho milamina," le hatoroa tampoky no ho baka amin-drozy. Hanahaky ty faharary ty ampela bevoka lafa miteraky zay. Tsy ho afaky-milay mihintsy ndrozy. ⁴Fa nareo, rahaahy, ro tsy anay ty haiky ao ka le hahatsatsy anareo tampoky manahaky ty mpangalatsy ty andro. ⁵Fa nareo ro anaky ty mazava noho anaky ty andro. Tsy anaky ty haly tsika ndra ty haiky. ⁶Laha zay, andao tsika tsy hiroro manahaky ty fanovy fy ambiny. Fa koa, engao tsika hiemby noho hahonom-bata. ⁷Fa ze miroro rey ro manao zay amy ty haliky, sady ze mamo rey ro manao zay avao koa amy ty haliky. ⁸Fa laha mbo ahy ty andro tsika, le tsy maintsy mahonom-bata tsika misalotsy finoa noho fitiava ho fiarovan-tsatsa, sady ty antony ty fampnjea amy ty ho avy ho fiarovan-dohantsika. ⁹Fa Njanahary tsy nanondro antsika ho amy ty heloky, fa hahazoa ty famonjea amy ty alala i Jesosy Kristy Tompontosika. ¹⁰Ie azy maty ho antsika iny, ndra mifoha tsika ndra miroro, le afaky miaraky-miay aminy. ¹¹Ka laha zay mifampionona sady mifampahereza nareo, manahaky ty fa nanovinareo. ¹²Mangataky aminareo zahay, rahalahy, mba hanenkeanareo ze kely ay aminareo noho manday anareo amy ty Tompo sady ze mananatsy anareo. ¹³Mangataky anareo avao koa zahay mba hanaja androzy am-pitiava noho ty asan-drozy. Milongoa amy ty vatanareo. ¹⁴Mananatsy anareo zahay, rahalahy: mampiemkena ty fikorontana, ampaherezo kivy rey, ampeo malemy rey, mahareta amy ty iaby. ¹⁵Ingo tsy misy olo mamaly raty ty raty ndra amin'ia ndra amin'ia. Fa koa, mila ze soa ho ahy ty kirai-draiky noho ho ahy ty iaby. ¹⁶Mifalea zisiky farany. ¹⁷Ka mijano mivavaky. ¹⁸Misaora amy ty raha iaby. Fa zay ro sitsapon-Janahary amy i Kristy Jesosy ao ho ahy nareo. ¹⁹Ka mamono ty Fanahy. ²⁰Ka manao tsinotsino hato-resaky rey. ²¹Anoharo ty raha-iaby. Mipitiha amy ze soa. ²²Alao fisehoa ty raty iaby rey. ²³Njanahary ty fiadana lahy hampamasy anao tanteraky. Engao ty fanahinareo iaby, ty ay, sady ty vata ro hajarina tsy hanan-tsiny ho amy ty fiavia i Jesosy Kristy Tompontosika. ²⁴Matoky ie azy mikaiky anao iny, azy raiky ze hanao zay avao koa. ²⁵Rahalahy, mivavaha avao koa ho ahy nay. ²⁶Arahabao amy ty fanorofa masy ty dahalahy iaby. ²⁷Mangataha aminareo amy ty Tompo zaho mba ho vaky amy ty rahalahy iaby taratasy toy. ²⁸Ho aminareo lahy ty fahasoava i Jesosy Kristy Tompontosika.

2 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, noho Silasy, sady Timoty, ho amy ty egilizy Tesaloniana rey any amin-Janahary Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo ao. ²Ho aminareo lahy ty fahasoava noho fiadana baka amin-Janahary Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo. ³Zahay ro tokony hanome fisaora an-Janahary ho ahy nareo avao, rahalahy. Fa zay ro soa anovy, safe tena mitombo mare ty finoanareo, sady ty fitiavanareo kirai-draiky ro mitombo ho ahy ty hafa. ⁴Laha zay le zahay vanay ro mivola am-pirengerengea mikasiky anareo amy egilizin-Janahary rey eo. Zahay ro miresaky ty mikasiky ty faharetanareo sady ty finoanareo tamy ze iaby nanenjeha anareo. Miresaky mikasiky fahoria ze niaretanareo rey. ⁵Zay ro fahaiza ty fitsara marin-Janahary. Ty vokatsiny ro horambesany haeva ty fanjakan-Janahary ze nijaleanareo nareo. ⁶Marina amin-Janahary ty hamaly fijalea ze nampijaly anareo rey, ⁷sady hanome fijanona ho ahy nareo ze nampijalea niaraky taminay. Hanoviny zay amy ty fesohoa i Jesosy Tompo baka andanitsy any miaraky amy anjely ty heriny rey. ⁸Amy ty afo mirebareba ao ro hananovany ty valifaty amy ze tsyvmahay an-Janahary noho amy ze tsy mamaly ty filazantsoa i Jesosy Tompontosika rey. ⁹Ndrozy ro hijaly amy ty fanasazia ty fandrava zisiky farany lavitsy ty famonjea ty Tompo noho ty voninahitsy ty heriny. ¹⁰Hanao zay ie lafa avy amy andro zay mba hanomeza ty olony voninahitsy azy noho hitsreha iaby ze nino rey. Fa ty fitsanganay vavolombelo aminareo ro nino. ¹¹Laha zay le mivavaky zisiky farany ho ahy nareo avao koa zahay. Mivavaky zahay mba haeva ty ho rambesany Njanaharintsika amy ty fikaiha nareo. Mivavaky zahay mba ho tanterahiny amy ty hery ty fanirianareo ty hasoa noho ty asa ty finoa iaby. ¹²Mivavaky ho ahy raha rey zahay mba hameanareo voninahitsy ty anara i Jesosy Tompontosika. Mivavaky zahay mba hanomezany voninahitsy anareo, noho ty fahasoavan-Janahary noho Jesosy Kristy Tompo.

Chapter 2

¹Amy zao ty kikasiky ty fiavia i Jesosy Kristy Tompontosika noho ty namoria antsika hiaraky aminy: manontany anareo zahay, rahalahy, ²mba tsy ho mora elengeleny ndra hihorohoro nareo, ndra amy ty fanahy, ndra amy ty hafatsy, ndra amy ty taratasy ze manahaky ty hoe ho avy aminay, noho ty vokatsy ty fiavia andro ty Tompo zay. ³Ka enga hisy olo hamitaky anareo ndra amy ty fomba ino. Fa tsy ho avy zay laha tsy afara ty fiavia ty filavao, sady ty lahilahy mpandika lalà ro atoro, ty anaky ty fahasimba. [Fanamariha: ty dikan-tsafa taloha ilany ro mivaky hozao: "sady ty lahilahy mpanota ro atoro"]. ⁴Ie azy manohitsy noho manondrotsy ty vatany amy ze iaby kaihy hoe Njanahary iny ndra ze ivavaha. Vokatsy zay, le nipetsaky tamy ty Egilizin-Janahary ao ie sady mampitoto ty vatany hanahaky ty Njanahary. ⁵sy tiaronareo va fa tamy zaho mbo niaraky taminareo iny le fa nivola raha rey? ⁶Amy zao hainareo ino ro mitandraky azy, mba hihohany amy ty fotoa mety raikyavao. ⁷Fa ty raha-tsy hita ty fandikan-dalà ro fa miasa, misy olo raiky avao misaka azy amy zao zisiky amy zao zisiky-angala azy tamy ty lala ao. ⁸Bakeo azy tena mpandika lalà iny ro ho atoro, ze hovanoe i Jesosy Tompo amy ty imbonay ty ampela. Ty Tompo ro handay azy amy ty tsy misy dikany amy ty lala ty fiboaha ty fiaviany. ⁹Ty fiavia azy tena mpndika lalà iny noho ty asa ty Satana miaraky amy ty hery iaby, fahaiza rey, ¹⁰sady miaraky amy ty fitaky iaby ty amy ty tsy fahamarina. Raha rey ro ho ahy ze tsobo, safe ndrozy ro tsy nandramby ty fitiava ty fahamarina mba ahavoasarombaky androzy. ¹¹Laha dikany zay ro mandefa asa ty fahadisoa Njanahary mba hinoan-drozy vandy. ¹²Vokatsy zay le hotsara iaby rozy iaby, ze tsy mino ty fahamarina rey fa koa mangalaky fahafinareta amy ty tsy fahamarina. ¹³Fa zahay ro tokony manome fisaora an-Janahary avao ho ahy nareo, rahalahy nitiavy ty Tompo. Fa Njanahary ro nitingy anareo manahaky ty veloham-bokatsy rey ho ahy ty famonjea amy ty fahamasina ty Fanahy noho ty finoa ty fahamarina. [Fanamariha: ty dikan-tsafa hafa ro mivaky manahaky zao: "Fa Njanahary ro nitingy anareo zisiky amy ty velohany ho ahy ty famonjea"]. ¹⁴Zay ro nikaihany anareo tamy ty alala ty filazantsoanay mba ahazoanareo ty voninahitsy i Jesosy Kristy Tompontosika. ¹⁵Ka laha zay, rahalahy, mitsangana mare. Tandraho fahamarina ze nampianary anareo rey. Ndra tamy ty safa ndra tamy ty taratasinay. ¹⁶Amy zao engao i Jesosy Kristy Tompontosika vatany, sady Njanahary Babantsika ze teantsika noho nanome antsika fankagereza zisiky farany noho ty fatokisa soa ho ahy ty ho avy amy ty alala ty fahasoava, ¹⁷hankahery sady hampipetsaky ty fonareo amy ty asa soa iaby noho ty safa.

Chapter 3

¹Amy zao, rahalahy, mivavaha ho ahy nay, mba hotompoe noho hameam-boninahitsy ty safa ty Tompo, le manahaky zay avao koa ty aminareo. ²Mivavaha mba ho afaky amy ty raty fanahy noho olo-raty zahay, fa tsy ty iaby ro manam-pinoa. ³Fa ty Tompo ro matoky, ze mampahery ory noho miemby anareo amy azy raty iny. ⁴Mana fatokisa amy ty Tompo mikasiky anareo zahay, mba sady hananovanareo ro hanohizanareo raha ze nibekoa anay rey nareo. ⁵Ty Tompo lahy hitariky ty fonareo ho amy ty fitiavan-Janahary noho ty fiareta i Kristy. ⁶Amy zao mibeko anareo zahay, rahalahy, amy ty anara i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hiala amy rahalahy iaby ze miay anay ty hakamoa noho tsy manahaky ty fomban-draza ze nirambesinareo taminay rey ao. ⁷Fa nareo vatanareo ro mahay fa mety aminareo ty mangalaky manahaky anay. Tsy niay tanivonareo manahaky anay. Tsy niay tanivonareo eo manahaky ze tsy nana fitsipiky rey zahay. ⁸Tsy nihina han'olo tsy naloa jala zahay. Fa koa, niasa andro noho haly tamy ty asa sarotsy noho ty raha-sarotsy zahay, mba tsy ho enta-mavesatsy ho ahy ty kirai-draiky aminareo. ⁹Tsy hoe noho ty tsy fanana fahefa ro nananovany zay. Fa koa, nana zay zahay mba ho fitaratsy ho ahy nareo, ka le mba hanahaky anay nareo. ¹⁰Lafa niaraky taminareo zahay, le nibeko anareo hozao: "Laha misy raiky tsy te hoasa, le tsy tokony hihina ie." ¹¹Fa mahare zahay fa mirabiraby tana ty ilany aminareo. Tsy miasa ndrozy fa mpitsabaky. ¹²Amy zao olo manahaky zay rey ro bekonay noho hanarinay amy i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa am-pilamina noho hihina ty hanin-drozy manoka. ¹³Fa nareo, rahalahy, ka mamono fo amy ty fananova ze marina. ¹⁴Laha misy tsy manenky ty safantsika amy taratasy toy, mariho amaso ty olo eo ie sady ka mana fifandrambesa aminy, ka le mety ho menatsy ie. ¹⁵Ka rambesy ho fahavalo ie, fa anaro hanahaky ty rahalahy. ¹⁶Fa azy Tompo ty fiadana lahy hanome fiadana anareo amy fotoa rey noho amy fomba iaby rey. Ho aminareo iaby lahy ty Tompo. ¹⁷Toy ro fananovako veloma, zaho Paoly, tamy ty tanako, ze fahaiza amy ty taratasy iaby. Zao ro soratsiko. ¹⁸Ty fahasoava i Jesosy Kristy Tompontosika lahy ho aminareo iaby.

1 Timothy

Chapter 1

¹Paoly, apostoly i Kristy Jesosy manahaky ty lilin-Janahary mpamonjy antsika noho i Kristy Jesosy tokintsika, ²ho an'i Timoty, anakilahy marina amy ty finoa ao: Fahasoava, famalozam-po, sady fiadana baka amin-Janahary Baba noho Kristy Jesosy Tompontosika. ³Manahaky ty nangatahiko mare ho anovinao lafa niala ta Makedonia ao zaho, mipetsaky a-Efesosy ao mba hafahanao mibeko olo ilany rey tsy hampianatsy foto-pampianara hafa. ⁴Tsy tokony hiemby tantara noho tetiara rey tsy misy fihafarany ndrozy. Rey ro niteraky adihevitsy fa tsy manmpy ty drafitsin-Janahary, ze amy ty alala ty finoa. ⁵Sady ty tanjo ty lily ro fitiava baka amy ty fo maluo, baka amy ty feo ty fieretsereta soa, sady baka amy ty finoa tsy mihatsaravelatsihy. ⁶Ty olo ilany ro tsy nahatsatsy ty tanjony sady niala tamy raha rey ho amy ty lahateny adaladala any. ⁷Ndrozy ro te ho mpampiana-dalà, nefa ndrozy tsy mahazo ze volaniny noho hizingizinin-drozy. ⁸Fa tsika ro mahay fa ty lalà ro soa laha misy raiky mampiasa azy amy ty ara-dalà. ⁹Tsika ro mahay zay, fa ty lalà ro tsy nanovy ho ahy ty olo-marina, fa ho ahy ty mpandika lalà noho olo miharo, ho ahy raty fanahy noho mpanota rey, sady ho ahy njanahary-diso noho tsy masy rey. Zay ro nanovy ho ahy ze mamono ty baba noho neniny rey, ho ahy mpamono olo rey, ¹⁰ho ahy ty rsty fandaisam-bata manahaky ty-nofotsy rey, ho ahy sodomita rey, ho ahy ty mpngalaky forise ty olo rey mba ho andevozy, ho ahy mpavandy rey, ho ahy ty vavolombelo tsy marina rey, sady ndra ino ndra ino hafa manohitsy ty fampianara matoky. ¹¹Fampianara io ro mifanaraky amy ty filazantsara ty voninahitsy azy Njanahary voatahy ze nankiny tamiko iny. ¹²Isaorako i Kristy Jesosy Tompontosika. Nampahery ahy Ie, fa nanoviny matoky zaho, sady nanondry ahy ho amy ty fanompoa Ie. ¹³Zaho ro mpivola raty, mpanenjiky, sady lahilahy mahery setsa. Nefa nahazo famalozam-po zaho safe tamy ty tsy dahaiza ro nananovako zay noho ty tsy finoa. ¹⁴Fa ty fahasoava ty Tompontosika ro nandrakotsy tamy ty finoa noho fitiava ze amy i Kristy Jesosy ao. ¹⁵Hafatsy zao ro azo antoky noho maeva ty fanenkea iaby, fa i Kristy Jesosy ro avy tan-tany eto hamonjy mpanota rey. Zaho ro raty bibiky tamy rey. ¹⁶Fa laha dikany zay ro namaloza fo tamiko, mba amy ty alalako, ty bey bibike, i Kristy Jesosy ro nety hampitoro ty fahareta iaby. Nanao zay Ie ho ohatsy ho ahy ze maniry hatoky Azy rey ho ahy ty fiaina zisiky farany. ¹⁷Sady ho ahy ty mpanjaka ty tao, tsy mety maty, tsy hita maso, ty Njanahary toka, lahy ty laza noho voninahitsy zisiky farany mare. Ameny. ¹⁸Lily zao ro ameako anao, Timoty, anako, manahaky ty hato-resaky nanovy mikasiky anao taloha rey, fa iha ro mety hialu ty aly soa, ¹⁹ty fitandraha ty finoa noho ty feo ty fieretsereta soa. Tamy ty fandava zay, misy ty nanao laka ty finoany. ²⁰Mahahaky an'i Hymeneo noho Aleksandro, ze nameako ho an'i Satana mba ampianary androzy tsy hivola raty.

Chapter 2

¹Velohany bibike laha zay, le mandrisiky zaho fa fangataha rey, vavaky, finoa, sady fisaora ro nanovy ho ahy ty olo iaby, ²ho ahy ty mpanjaka noho iaby amy ty fahefa rey eo, mba afahantsikamiay am-piadiana noho miay milamy amy ty toe-panahy manahaky an-Janahary noho fahendrena iaby. ³Zay ro soa noho azo ekena anilan-Janahary mpamonjintsika eo. ⁴Iriny mba hovanje iaby ty olo iaby sady ho avy amy ty fahaiza marina. ⁵Fa raiky avao ro Njanahary, sady raiky avao ro mpanelanela an-Janahary noho ty olo, le azy lahilahy Kristy Jesosy iny. ⁶Ie nanome ty vatany ho vilim-panavota ho ahy ty oaby, manahaky ty fitsangana vavolombelo amy ty fotoa tokony ho ie. ⁷Fa amy tanjona zay, zaho, ty vatako, ro nanovy ho mpitory noho ho apostoly. Mivola ty marina zaho. Tsy mavandy zaho. Mpampianatsy an'i Jentilisa rey amy ty finoa noho fahamarina zaho. ⁸Laha zay, teako ty lahilahy ndra ia ndra ia mba hovavaky noho hanondrom-bata masy tsy an-keloky ndra amy ty fifamalea. ⁹To zay koa, teako ty ampela mba hisalotsy siky maeva ty vatany, amy ty mahamatotsy anao noho helom-bata. Tsy tokony hanao volo mitaly, ndra volamena, ndra voangy, ndra salotsy sarotsy vily. ¹⁰Teako ndrozy hisalotsy amy ze mety ho ahy ty ampela ze mampitoro tie-panahy manahaky an-Janahary rey amy ty alala asa soa rey. ¹¹Ty ampela ro tokony hianatsy am-pilamina sady hanenky tanteraky. ¹²Tsy engako hampianatsy ty ampela ndra hampihatsy fahefa amy ty lahilahy, fa hijano anay filamina ao. ¹³Fa adala ro niforony velohany, bakeo i Eva. ¹⁴Adama ro tsy voatingy, fa ty ampela ro voatingy tanteraky tamy ty fandikan-dalà. ¹⁵Ndra zay aza, hovanje ie amy ty alala ty fiteraha-aja, laha mitohy amy ty finoa noho fitiava sady fahamasina miaraky amy fy fahononam-bata.

Chapter 3

¹Matokisa safa zao: Laha misy olo raiky maniry ty ho mpiantoky, le maniry asa soa ie. ²Laha zay le ty mpiantoky ro tsy maintsy tsy manan-tsiny. Tsy maintsy manambaly ampela toka ie. Ie ro tokony hahay handanjanja, hendru, tea fiamina, tea mandramby olo. Tsy maintsy mahay mampianatsy ie. ³Tsy tokony za-dratsy amy ty divay ie, tsy mpila aly, fa koa, malemy fanahy, atsiky fiadanam-po. Ie ro tsy tokony ho tea jala. ⁴Tokony hitandraky soa ty tokatsanony ie, sady anany rey ro tokony hanenky azy am-panaja tanteraky. ⁵Fa laha tsy mahay mitandraky ty tokatsanony ie, ino ro hikarakarany ty eglizin-Janahary? ⁶Tsy tokony ho olo vo miova fo ie, mba tsy hirengirengy ka le ho lavo amy ty fanasazia manahaky ty devoly. ⁷Ie avao koa ro tsy maintsy soa laza amy olo rey ambaliky eny, mba tsy ho lova anay fanalam-baraka noho ty fandriky ty devoly. ⁸Diakona rey, manahaky zay avao koa, le tokony haeva. Ndrozy ro tsy tokony hino divay lako mare ndra tsy mahay ino manahaky-ty hany. ⁹Tokony hitandraky ty fahamarina ty finoa nambara miarakg amy ty feo ty fieretsereta malio. ¹⁰Ndrozy avao koa ro tokony ho sazý aloha, bakeo le tokony hanompo safe tsy manan-tsiny ndrozy. ¹¹Ampela rey avao koa ro tokony haeva manahaky zay. Tsy tokony ho mpanendrikendriky androzy. Tokony hahay handanjanja sady matoky amy ty raha iaby. ¹²Diakona rey ro tokony hanambaly ampela toka. Tsy maintsy mitandraky soa anany rey nohl ty tokatsanony ndrozy. ¹³Fa ze nanompo soa rey ro handramby ty laza soa noho fahatokisa bevata amy ty finoa ho ahy ty vatan-drozy ze amy i Jesosy Kristy ao. ¹⁴Manoratsy raha reto aminao zaho, sady manantena ty ho avy tsy ho ela aminao any zaho. ¹⁵Fa laha tara zaho, le manoratsy mba hahaizanareo ty fandaisam-bata amy ty tokatsanon-Janahary ao, ze egilizin-Janahary velo, azy vato fehizoro noho fipetsaha ty fahamarina iny. ¹⁶Tsy azo enkena fa ty fahamarina nambara ze manahaky an-Janahary le bevata: "Ie ro niboaky tany ty nofotsy, nihamariny ty Fanahy, hita ty anjely, nambara tanivo firenea rey eo, ninoa ty tany iaby toy. sady nanondrotsy tam-boninahitsy."

Chapter 4

¹Amy zao mivola mazava soa ty Fanahy fa amy ty fotoa afara any le hiala amy ty finoa ty olo ilany sady miembena soa ty amy fanahy mpamitaky rey noho fampianara demonia rey ²amy ty fihatsarambelatsihy ty mpavandy rey. Fa voamariky amy ty vy mafana ty feo ty fieretseretan-drozy.³Ho raràn-drozy ty manambaly noho ty mandramby hany ze niforonin-Janahary ho zara miaraky amy ty fisaora rey amy ze mino noho ze mahay ty marina rey eo. ⁴Fa ty raha iaby ze niforonin-Janahary ro soa. Tsy misy tsy henke ty raha nirambesin-tsika tamy fisaora. ⁵Fa nihamasiny tamy ty safan-Janahary noho ty vavaky zay.⁶Laha apetsaky aloha rahalahy rey eo raha rey, le ho mpanompo soa i Jesosy Kristy nareo. Fa niteza tamy safa ty finoa noho tamy ty fampianara soa ze narahanao rey nareo. ⁷Fa lavo ty angano tantara ty ndrarahy antitsy. Fa koa, tariho hanome voninahitsy an-Janahary ty vatanareo. ⁸Fa ty vata hofany ro kelikely avao ro azo ampiasa azy, nefa fampiasa amy ty raha iaby ty toetsy manahaky an-Janahary. Mitandraky ty fampianarana amy fiaina amy zao toy noho ty fiainako-ho avy. ⁹Hafatsy toy ro maeva-pitokisa noho maeva ty fanatseha ty fanenkea. ¹⁰Fa laha zay le hitolo noho hiasa mare tsika. Fa matoky amin-Janahary velo ao tsika, ze Mpamonjy ty olo iaby, sandraky ze mino rey.¹¹Ambarao noho ampoanaro raha rey. ¹²Engao tsy hisy olo hanao tsinotsino ty fahatanora. Fa koa, engao ho ohatsy ho ahy ze mino rey, amy ty fivolana, fandaism-bata, fitiava, finoa, sady fahaliova. ¹³Zisiky-iaviako, tohizo ty famakia, ty fananara, noho ty fampianara.¹⁴Ka anovy tsinotsino ty fanomezam-pahasoava ze aminao, ze nameanao tamy ty alala ty hato-resaky, niaraky amy ty fametsan-tana ty olo-bey rey. ¹⁵Tiarovo raha reny. Meteza ho amin-drozy ao, mba hibaribary amy ty olo iaby ty fandrosoanao. ¹⁶Embeno soa ty vatanao noho ty fampianarana. Tohizo taha reny. Fa laha manao manahaky zay, le ho vonjenaon'ny tanao noho ze minanjy anao rey.

Chapter 5

¹Ka mamango ty lahilahy antitsy. Fa koa, anaro manahaky ty raiky ie. Anaro manahaky ty rahalahy pmaraky rey.

²Anaro mahahaky ty reny ndrarahy antitsy rey, sady somondrara manahaky ty anabavy amy ty fahaliova iaby ao rey.³Manajà mpandaivata rey, tena mpandaivatna rey, ⁴Fa laha manan-anaky ndra zafikely ty mpandaivata raiky, le engao ndrozy aloha hahafarinay hanoro fanaja amy ty tokatsanony ao. Engao ndrozy hamaly babe raiky aman-dreniny rey, safe ankasitsahin-Janahary zay.⁵Fa ty tena mpandaivata ro nenga ho raiky. mametsaky ty fitikisany amin-Janahary iel Mipetsaky zisiky amy fangataha noho vavaky andro noho haly rey any. ⁶Ndra zay aza, ty ampela ze miay ho ahy ty fahafinareta ro maty, ndra mbo velo aza ie.⁷Torio raha zay mba tsy ananan-drozy tsiny. ⁸Fa laha misy olo tsy manome ho ahy ty longony mariny, sandraky ho ahy ze amy ty longony rey ao, le nandà ty finoa ie sady raty lavitsy noho ty tsy mpino.⁹Engao hosoraty ho mpandaivata ty ampela ze tsy latsaky ty enimpolo tao, ampela raiky ze valy ty lahilahy raiky. ¹⁰Tokony ho hay noho asa soa rey ie, ndra nikarakara aja rey, ndra avao koa nampandroso mpivahiny rey, ndra nanasa ty tomboky ty mpino rey, ndra tsy nidary ty mijaly ndra nanome-vata tamy ty asa soa iaby.¹¹Fa ho ahy ty mpandaivata mbo tanora rey koa, le ka manenky ty hanoratsy androzy anay lisitsa ao. Fa lafa milavo-lefo amy ty filà ty nofotsy hanohitsy an'i Kristy ao ndrozy, le te-hanambaly.

¹²Amy zay ndrozy le hahazo fanasazia safe namaliky ty fanomezan-tanany velohany. ¹³Ka le nanjary zatsy malay koa ndrozy. Mandehandeha mitety tsano. Tsy hoe nanjary malay avao ndrozy, fa nanjary mpitsiko nohp mpila aly avao koa. Mivola raha ze tsy tokony ho volaniny ndrozy.¹⁴Laha zay le teako hanambaly ampela mbo kelikely rey, hiteraky, hikarakara tokatsano, mba tsy ahafahany mnome iraky ty fahavalo hahazo anay ho nanao raty. ¹⁵Fa ty ilany sahady hanoriky an'i Safana. ¹⁶Laha misy ampela mino mana mpandaivata, engao ie hanampy androzy, mba tsy hanavesatsy ty egilizy, mba hafahany manampy tena mpandaivata marina rey.¹⁷Engao olo-bey ze manapaky soa rey mba ho rambesy haevam-boninahitsy mimpoly indroe, sandraky ze miasa miarakay amy ty safa rey noho amy ty fampianara. ¹⁸Fa hoy ty Soratsy Masy hozao: "Tsy tokony hanisy fehiny ty vava ty aomby iha laha mbo mandraraky voa ie." sady koa: "Ty mpiasa ro maeva ty karamany."¹⁹Ka mandramby fanasazia manohitsy ty olo-bey raiky lafa tsy misy vavolombelo roe ndra telo. ²⁰Ahitio anila ty iaby rey eo mpanota rey mba hatahotsy ty ambiny hafa.²¹Mibeko anao mare zaho anilan-Janahary eo noho anila i Kristy Jesosy eo sady anjely voatingy rey, mba hitandrahanao lily tsy misy fitsaratsara rey sady mba tsy hananovanao ndra ino ndra ino mametsa-tana amin'ia ndra ia. ²²Ka miraiky amy ty fahota ty olo-hafa ao. Tokony hitandraky ty vatanao halio iha.

²³Tokony tsy hino rano sasy iha. Fa koa, tokony handramby divay kelikely iha ho ahy ty vavony noho aretinao matetiky-mitsanga rey.²⁴Ty fahotan'olo ilany rey ro hay mibaribary, sady ndrozy ro mandeha aloha rey amy ty fitsara ao. Fa ty ota ilany manarakay baka afara atoy. ²⁵Manahaky zay avao koa, misy asa soa hay mibaribary, fe ilany rey aza le tsy azo avony.

Chapter 6

¹Engao iaby ze ambany ty zioga rey ao andevo rey mba hanao ty tompony haeva ty haja iaby. Ndrozy ro tokony hanao zay mba tsy hivolana raty ty anaran-Janahary noho ty fampianara. ²Andevo ze mana tompo mino rey ro tsy tokony hanao tsinotsino androzy safe mpirahalaha aminy. Fa koa, ndrozy ro tokony hanompo zisiky any zisiky any rey. Fa tompo ze nampea tamy ty asan-drozy rey ro mpino sady tiavy. Ampianaro sady ambarao raha rey.³Diniho fa ty olo mampooanatsy amy ty fomba hafa sady tsy manenky ty fanoroantsika ara-pinoa, ze, safa i Jesosy Kristy Tompontosika. Diniho fa ndrozy ro tsy manenky ty fampianara ze manday amy ty toera any manahaky an-Janahady. ⁴Olo zay ro mirengirengy sady tsy mahay ndra ino ndra ino. Fa koa, ie ro adala alihevitsy rey noho fandresen-dahatsy mikasiky safa rey. Safa reny ro miteraky fialona fitivativa, ahiahy raty, ⁵sady ty fifandofora amy olo maloto fisaina rey eo. Miala amy ty marina ndrozy. Midiniky ie fa ty toera manahaky an-Janahary ro fomba hiavia ho mpanan-kanana. [Fahamarina: Ty fandika taloha ilany ro mnampy hozao: "Miala amy ty raha manahaky zay". Fa ty fansika taloha soa bibike ro tsy manampy zay.]⁶Sady ty toera manahaky an-Janahary miarakany amy ty fahafaham-po ro tombony bevata. ⁷Safe tsika ro tsy nanday ndra ino ndra ino amy ty tany iaby toy. Tsy hahavita handay ndra ino ndra ino tsika. ⁸Fa koa, engao tsika ho afa-po amy ty hany noho ty fisikina.⁹Sady ze te hanjary mpanan-kanana rey ro latsaky anay ty fakam-panahy ao, anay ty fandriky ao. Latsaky tanay ty hadala ao noho filà mampilitsy-loza lako androzy rey, sady avao koa hafa mandetiky olo amy ty faharava ao rey noho ty fandrava. ¹⁰Safe foto karazan-draty iaby rey ty fitiavan-jala. Ty olo ilany ze maniry zay ro fa voavily niala tamy ty finoa sady nitomboky ty safan-drozy tamy ty fahoria bevata.¹¹Fa iha, lahilahin-Janahary, milay raha rey. Miezaha mila ty fahamarina, ty toera manahaky an-Janahady, ty fatokisa, ty fitiava, ry fahareta sady ty hasoam-panahy. ¹²Mialia ty aly soa ty finoa. Tandraho ty fiaina ziaiky farany fa ho amy zay ro nikaiha anao. Zay ro mikasiky ty nitsangananao vavolombelo ty amy ze inoanao tanila vavolombelo lako rey eo tamy ze soa.¹³Zaho ro manome anao lily zay alohan-Janahary eto, ze nahavy ty raha iaby ho velo, sady anila i Kristy Jesosy eo, ze nivola ty marina tanila i Pontio Pilato eo: ¹⁴Hajario soa ty lily, tsy manan-tsiny, zisiky-hisehoa ty Tompontosika Jesosy Kristy.¹⁵Njanahary ro manoro ty fiboahany amy ty fotoa tokony ho ie Njanahary, azy raiky ze nitahy iny, azy hery toka iny, azy Mpanjaka ze manjaka iny, sady azy Tompo ze manapaky iny. ¹⁶Ie raiky avao ro mana ty tsy fahafatesa sady mipetsaky amy ty hazava tsy azo hamonjea eo. Tsy misy olombelo mahita azy ndra afaky manenty Azy. Ho azy lahy ty voninahitsy noho ty hery zisiky farany. Ameny.¹⁷Volano ty mpanan-kanana amy ty tany iaby toy mba tsy hirengirengy, noho manantena ty hanana, ze tsy azo antoky. Fa koa, tokony hanantena an-Janahary ndrozy. Manome antsika ty hanana marina iaby Ie mba hifaleantsika. ¹⁸Volano ndrozy mba hanao ty soa, mba hanan-kanana amy ty asa soa, mba halala-tana, sady vonona hizara. ¹⁹Amy fomba zay, le hajarina-drozy ty fototsy soa ho ahy ty vatany amy ze hoe avy, ka le hitandrahany ty tena fiaina.²⁰Timoty e, arovo ze nanome anao. Ialao ty resaky adala noho ty fandreden-dahatsy mifanohitsy mikasiky ty fikaiha diso ty amy ze anovy hoe fahaiza. ²¹Ty olo ilany ro manambara raha zay ka le tsy nahatiaro ty finoany ndrozy. Ho aminareo lahy ty fahasoava.

2 Timothy

Chapter 1

¹Paoly, apostoly i Kristy Jesosy tamy ty alala ty sitsapon-Janahary, manahaky ty fampianarana ty fiaiana ze amy i Kristy Jesosy ao, ²an'i Timoty, anaky tea: Fahasoava, fiferinesa, sady fiadana baka amin-Janahary azy Njanahary noho Kristy Jesosy Tompontosika iny.³Misaotsy an-Janahary zaho, ze tompoiko baka amy razambeko rey, miarakany amy ty feo ty fieretsereta malio, manahaky ty hahatiarovako anao san'andro amy ty fivavahako andro noho haliky. ⁴Manahaky ty hahatiarovako ranomasonao rey, maniry mare ty hahita anao zaho, ka le mety ho atsiky hafalea zaho. ⁵Nampahatiarovy tamiko ty finoanao marina, ze niay velohany tamy ty razanao ampela Loisa noho ty reninao Eonisa, sady resy lahatsy zaho zao fa miay aminao ao avao koa zay.⁶Zay ro dikany ampitiarovako anao mba hamoiasanao ndraiky ty fanomoezan-Janahary aminao ao amy ty alala ty fametsahako tana. ⁷Fa Njanahary tsy nanome fanahy ty taloha antsika, fa ty hery noho fitiava sady fifehezam-bata.⁸Ka le menatsy amy ty fitsangana vavolombelo mikasiky ty Tompontosika, ndra amiko, Paoly, azy gadrany iny. Fa koa, mizarà amy ty vahoria ty filazantsara manahaky ty herin-Janahary. ⁹Fa Njanahary ro namonjy antsika noho nikaiky antsika tamy ty kaiky masy. Nanao zay Ie, tsy noho asantsika rey, fa noho ty asa ze fa nanoviny noho ty fahasoavany. Ndra le mbo tsy niavy aloha aza ty fotoa le fa nanome antsika raha reny tamy i Kristy Jesosy ao Ie. ¹⁰Fa amy zao ty famonjean-Janahary ro nambara tamy ty alala ty fisehoa i Kristy Jesosy mpanarombaky antsika. Kristy ze

nandrava ty fahafatesa sady nanday fiaina ze tsy ho tampitsy zisiky farany mba hanazava amy ty alala ty filazantsara. ¹¹Laha zay, le voatondro ho mpitory safa zaho, ho apostoly, sady ho mpampianatsy. [Fahamarina: dikan-tsafa taloha ilany rey ro manampy hozao: "Ho ahy ty Jentilisa. "]¹²Fa laha dikany zay ro nijalea amy raha reny avao koa zaho. Fa tsy menatsy zaho, safe haiko le azy ninoako iny. Resy lahatsy zaho zaho fa afaky mitandraky ze fa nankiniko taminy le zisiky ivia andro zay. ¹³Tandraho ty ohatsy miksiky hafatsy ty finoa ze hipetsahanareo amiko rey, miaraky amy ty finoa noho fitiava ze amy i Kristy Jesosy ao. ¹⁴Ty raha soa ze nanovin-Janahary faminao, embeno amy ty alala ty Fanahy Masy zay, ze miay amintsika ao¹⁵Hainareo zay, fa ze iaby nipetsaky ta Azia any ro nivaliky tamiko. Amy fikambana io ao Fizelio noho hermozena rey ao. ¹⁶Enga anie ty Tompo hanome famalozam-po amy ty tokatsano i Onesiforo, safe namelombelo ahy san'andro ie sady ty menatsy tany ty gadrako. ¹⁷Fa koa, lafa ta Roma any ie, le nila ahy mare, ka le hitany zaho. ¹⁸Ty Tompo lahy hampitoeo azy ka le hahitany tamalozam-po baka aminy amy andro zay. Fomba iaby nanampeany ahy ta Efesosy rey, le hainareo soa.

Chapter 2

¹Laha zay iha, anako, mahereza amy ty fahasoava ze amy i Jesosy Kristy ao. ²Raha renareo baka amiko tanila ty vavolombelo lako eo rey, ro hankiny amy ty olo matoky ze afaky hampianatsy ty ilany koa. ³Miareta raha-sarotsy miaraky amiko, manahaky ty mramila soa i Jesosy Kristy. ⁴Tsy misy mramila mnompo lha mbo vofandriky raharaha fiaina zao, mba hafahany mmpifaly ty bey. ⁵Sady, laha misy olo mifanina mnahaky ty atlety, le tsy mandramby ty satso-boninahitsy ie laha tsy mifanina amy ty alala fitsipiky rey. ⁶Ila ty fandrambesa azy mpamboly ze miasa mare ty anjara vokatsy velohany. ⁷Saintsaino ty mikasiky ze volaniko, fa ty Tompo ro hanome anareo ty fitakara amy ty raha iaby. ⁸Tiarovo Jesosy Kristy, baka amy ty tariha i Davida, ze natsanga tamy maty rey. Zay ro manahaky ty hafatsy ty filazantsarako, ⁹ze mampijaly ahy ty amy ty fameheza manahaky ty mpamono olo. Fa ty safan-Janahary ro tsy voafehy. ¹⁰Laha zay hiaretako ty raha iaby ho ahy ty voatingy, mba ho afaky handramby ty fanavota ze amy i Kristy Jesosy ao avao koa ndrozy, miaraky amy ty voninahitsy zisiky farany. ¹¹Safa toy ro maeva-itokisa: "Laha maty niaraky taminy tsika, le ho velo hiaraky aminy avao koa. ¹²Laha miaritsy tsika, le hanjaka hiaraky aminy avao koa. Laha mandà Azy tsika, le handà antsika avao koa Ie. ¹³Laha tsy matoky tsika, le hahatoky avao Ie, safe tsy afaky mandà ty vatany Ie." ¹⁴Ampatiarovo androzy zisiky any raha rey. Ampiembeno anilan-Janahary eo ndrozy mba tsy hifamaly mikasiky safa rey. Laha io ro tsy misy raha ila. Laha io ro misy fahasimba ho ahy ze mijanjy rey. [Fanamariha: ty dikan-tsafa ilany ro mivaky hozao: "Ampiembeno anilan-Janahary eo ndrozy] ¹⁵Ameo ty soa baka aminao mba hanomezanao vata ho an-Janahary manahaky azy enkeny, mpiasa ze tsy mana antony hahamenatsy, ze mampianatsy ty safa ty fahamarina amy ty tokony ho ie. ¹⁶Ialao ty safa fanivativa, ze manday tsikelikely amy ty faharatiam-panahy any. ¹⁷Ty resakin-drozy ro hiparitaky manahaky ty fery mandoaky. Enivo Hymeneo rey eo noho Fileto. ¹⁸Ndrozy ro lahilahy tsy mba nahay ty marina. Mivola ndrozy fa ty fitsangana amy maty ro fa nitsanga. Simban-drozy ty finoa ty ilany. ¹⁹Ndra le zay aza, ty fototsy mahery aorin-Janahary le mitsanga. Mana soratsy toy: "Ty Tompo ro mahay ze azy rey" sady "Ze iaby manono ty anara ty Tompo ro tsy maintsy miala amy ty tsy fahamarina." ²⁰Amy ty tsano ty mpanan-kanana ao, le tsy fipetsaha ty volamena noho volafoty rey avao ro ao. Misy avao koa fipetsaha ty hazo noho tanimanga rey. Ty ilany amin-drozy ro ho ampiasa am-boninahitsy, sady ty ilany ho amy ty fanalam-baraka. ²¹Laha misy olo manalio ty vatany ho afaky amy ty fanalam-baraka, le fipetsaha manan-kana ie. Ie le voatoka, ila ty Tompony, sady voaoma amy ty asa soa iaby. ²²Milaisa ty filà ty tanora rey. Mananova fahamarina, finoa, fitiava, sady filongoa miaraky amy ze mikaiky ty Tompo amybyty fo malio. ²³Fe mandàva fanintanea adala rey noho tsy misy fotony. Hainareo fa miteraky aly rey. ²⁴Ty mpiasa ty Tompo ro tsy tokony mifamaly. Fa koa tsy maintsy malemy fanahy amy ty iaby ie, mahay mampianatsy, sady ela. ²⁵Tsy maintsy amy ty fanalemem-panahy ao ro ampianary ze manohitsy azy. Fa vasa Njanahary mety hanome androzy fivebaha ho ahy ty fahaiza ty marina. ²⁶Mety holy ndraiky ty fisainan-drozy sady hiala ty fandriky ty devoly, lafa baka nisambory tamy ty sitsapony.

Chapter 3

¹Fa haiko zao: amy andro farany rey ro hisy fotoan-tsarotsy rey. ²Safe ty olo ho tea tena, tea jala, ho mpirengirengy, ho mpandoka vata, ho mpanivativa an-Janahary, tsy mamaly ray aman-dreniny, tsy misaotsy, sady tsy masy. ³Tsy hanam-pitiava ty longony rozy, mpanohitsohitsy, ho mpanendrikendry, tsy hahafehy vata, hahery loha, tsy ho tea ty soa. ⁴Ho mpamitaky androzy, tsy misy eritseritsy, mpanambony vata, tea fahafinareta mandilatsy noho tea an-Janahary rey. ⁵Hana ty toera manahaky ty an-Janahary ndrozy, nefa le mandà ty heriny. Mialà amy olo reny. ⁶Safe ty ilany tamy rey ro lahilahy ze militsy an-tokantsano ao sady maha tea ampela adala rey. Ampela ze tsy afaky amy ty fahota noho voatariky amy lalà samby hafa rey. ⁷Ampela rey ro mianatsy avao, nefa tsy ho avy amy ty fahafantara ty fahamarina mihintsy. ⁸Manahaky zay avao koa i Jana noho i Jambra nitsanga nanohitsy an'i Mosesy. Tamy zay le nitsanga avao koa mpampianatsy sandoky rey hanohitsy ty marina. Ndrozy ro lahilahy simba fisaina, tsy nenke tamy ty finoa. ⁹Fa tsy hoavy lavitsy ndrozy. Safe ty hadalany ro ho hita mazava amy ty olo iaby, manahaky ty ahy ty lahilahy rey. ¹⁰Fa laha nareo koa, ro fa nanoriky ty fampianarako, ty fandaisa, ty faniria, ty finoa, ty faharetam-po, ty fitiava, ty fahareta, ¹¹fanenjeha rey, fijalea rey, sady ze nitsanga tamiko ta Antiokia any, ta Ikonioma any sady ta Lystra any. Niaritsy fanenjeha rey zaho. Baka amy iaby rey, le namonjy ahy ty Tompo. ¹²Ze iaby te-hiay manahaky ty fomban-Janahary amy i Kristy Jesosy ao ro ho enjehy. ¹³Olo-raty rey noho mpisandoky rey ro ho amy ty raty vatany any zisiky any. Ndrozy ro hitariky olo-hafa rey ho amy ty lala-diso any. Sady ndrozy vatany ro ho voatariky amy zay. ¹⁴Fa laha nareo koa, mipetsaky amy raha ze fa nianaranareo rey ao noho ze fa ninoanareo mare hoe baka amin'ia ro fa nianaranareo. ¹⁵Hainareo fa zisiky amy ty naha aja ro fa nahay asa sarotsy masy rey nareo. Reny ro hahavita hampahendry anareo ho amy ty famonjea amy ty alala ty finoa an'i Jesosy Kristy. ¹⁶ty Soratsy Masy iaby ro baka amy ty nofin-Janahary. Zay ro tombony ho ahy ty fotom-pampianara, ho ahy ty fanondroa diso rey, ho ahy ty fanitia, sady ho ahy ty fampiofana amy ty fahamarina. ¹⁷Zay ro mba hahavy ty lahilahin-Janahary hahay soa, noho ho voaoma tanteraky amy ty asa soa iaby.

Chapter 4

¹Zaho ro manome lily mahery toy anilan-Janahary eo noho Jesosy Kristy, ze hitsara ty velo noho ty maty, sady noho ty fiboahany noho ty fanjakany: ²Mitoria ty Safa, Mivonona ndra amy ty fotoa ndra tsy amy ty fotoa. Mananara, mivolana mare, mandrisiha, am-pahareta noho ty fampianara iaby.³Safe ho avy ty fotoa ze tsy hazaka ty olo ty feo ty fampianara. Fa koa, ndrozy ro hitingy mmpianatsy ho azy manahaky ty faniriany manoka rey. Rey ro hanilikiliky ty sofin-drozy. ⁴Hangalaky ty fijanjinan-drozy amy ty fahamarina rey, sady hiodaky ho amy angano rey any. ⁵Nefa nareo, eretsereto soa ty raha-iaby. Iareto ty raha-sarotsy; anovo ty asa ty evanjelista; tanteraho ty fanompoanareo.⁶Safe fa ho amea sahady zaho.Fa avy ty fotoa hialako. ⁷Zaho ro fa nahavita ty aly soa; fa nahavita ty filaisa zaho; fa nitandrahako ty finoa. ⁸Ty satso-boninahitsy ty fahamarina ro fa voatoka ho ahy, ze hamea ty Tompo, azy mpitsara marina iny, ho ahy amy andro zay, sady tsy ho ahy raiky avao, fa ho ahy iaby ze fa nitea ty fiboahany avao koa.⁹Ameo ze soa iaby baka aminao mba hamonjea amiko atoy malaky. ¹⁰Safe i Demasy fa niala ahy. Teany ty tany iaby toy sady fa nandeha ta Tesalonika any ie. Kreska ro nana Galatia any, sady Totosy nana Dalmatia any.¹¹Lioka raiky avao ro miarakany amiko. Alao i Marka sady andeso miarakany aminao ie safe ilako amy ty asa ie. ¹²Tykiko ro nalefako ta Efesosy any. ¹³Azy siky ze nangako ta Troasy any iny miarakany amy ty Karpo, andeso iny lafa avy iha, sady boky rey, sandraky mifono holitsy rey.¹⁴Aleksandro azy mpambotsy saba iny ro nampibaribary asa raty lako tamiko. Ty Tompo ro hamaly azy manahaky asany rey. ¹⁵Iha avao koa ro tokony hiemby ty vatanao aminy, safe ie ro manohitsy mare safanany rey. ¹⁶Tamy ty fiarovam-batako velohany, tsy nisy nanampy ahy. Nefa koa, ty olo iaby niala ahy. Enga anie mba tsy ho voaheloky amy zay ndrozy.¹⁷Fa ty Tompo ro nitsanga tanilako eo sady nankahery ahy mba, amy ty alalako, ty fanambara ro afaky tanterahy tanteraky, sady mba afaky hahare Jentilisa iaby rey. Zaho ro avotsy tamy ty vava ty liona. ¹⁸Ty Tompo ro hanavotsy ahy amy ty asa raty iaby sady hamonjy ahy amy ty fanjakany n-danotsy ny. Ho azy lahy tyvoninahitsy zisiky farany mare. Ameny.¹⁹Anovo veloma i Prisila, i Akoila, sady longo i Onesiforosy rey. ²⁰Erasto le nipetsaky ta Korinto ao, fa i Trofimo ro nengako fa narary a-Mileto ao. ²¹Ameo ze soa bibike baka aminao mba hiaviako aloha ty nintsy. Manao veloma anao i Eolobolo, sady Poda avao koa, Lino, Klaudio, sady rahalahy iaby rey. ²²Hiaraky aminareo lahy ty fahasoava.

Titus

Chapter 1

¹Paoly, mpiasan-Janahary sady Apostoly i Jesosy Kristy, hampahery ty finoa ty olom-boatingin-Janahary noho ty fahaiza ty marina ze manoriky ty toe-panahy manahaky an-Janahary, ²amy ty fatokisa ty fiaina zisiky farany, ze nampanantenan-Janahary, azy tsy mavandy iny, tamy fa ela. ³Tamy ty fotoa voatondro, le natorony ty safany tamh ty hafatsy ze natokisany ho halefako. Nanoviko zay manahaky ty lilin-Janahary azy Mpamonjy antsika iny. ⁴Ho ahy i Titosy, anaky marina amy ty finoa hivoriantsika ao. Fahasoava noho fiadana bala amin-Janahary azy Baba noho Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. ⁵Laha dikany zao ro nanengako anao ta Kreta any, le ty mba handaminanao raha reh mbo tsy vita noho hanendry olo-bey isaky ty tanà manahaky ze fa nibekoako anao.⁶Ty olo-iaby ro tsy tokony hanan-tsiny mihintsy, valy ty ampela raiky, mana anaky mino tsy voandraha ho manara-po amy ty raty ndra maheriloha. ⁷Ila ty mpiemby, amy ty maha-mpanao ty asan-Janahary, ty tsy fananan-tsiny. Tsy tokony hahery fivola ndra mirengirengy. Tsy tokony ho mora meloky, tsy mpino toaky, tsy lian-aly, sady tsy olo tea jala.⁸Fa koa, tokony hampiantsano ie, nama ze soa. Tsy maintsy mampijano-vata, marina, masy, sady mahafehy vata. ⁹Tokony mitandraky mare ty hafatsy ze fa nampianary ie, mba hafahany mampahery hafa amy ty fampianara soa rey sady hanity ze manohitsy azy rey.¹⁰Fa lako ty olo mpiharo, sandraky ze vita savatsy rey. Tsy misy lanjany ty safan-drozy. Mandiso fanantena noho mitariky ty olo amy ty lala-diso any ndrozy. ¹¹Ila ty manaka azy reny. Mampianatsy ty tsy tokony hampianary rozy mba hahazoa hanana ,aloto sady mandrava ty longo ianby.¹²Nisy raiky tam8n-drozy, ze lahilahy hendrin-drosg, nivola hozao: "Ty Kretana ro mpavandy zisiky farany, raty sady biby mandoza, kamo bey vozo." ¹³Marina voaresaky zay, noho zay nareo mahery ndrozy mba hantanjaky amy ty finoa.¹⁴Ka miraharaha angano ty Jiosy rey ndra lily ty olo ze niala tamy ty fahamarina rey.¹⁵Ho ahy ze malio rey, le malio ty raha iaby. Fa ho ahy ze voaloto rey noho tsy mino rey koa, le tsy misy malio ndra ino ndra ino. Laha ty say noho ty fieritseretany fa voaloto. ¹⁶Manenky fa mahay an-Janahary ndrozy, nefa mandà Azy amy asany rey. Mpalay noho mandika lalà ndrozy. Tsy mahavita asa soa ndra ino ndra ino.

Chapter 2

¹a iha koa, mivola ze mifanoriky amy ty fampianara marina. ²Lahilahy fa nahazo tao rey ro tsy maintsy mahay manday vata, mety, mahonom-bata, matanjaky amy ty finoa, amy ty fitiava, sady amy ty fahareta. ³Manahaky zay koa ampela fa nahazo tao rey ro tokony hampitro direkita ty vatan-drozy ho soa fandaisam-bata, fa tey mpifosa. Tsy tokony ho andevozy ty divay bey ndrozy. Tokony hampianatsy ze soa ndrozy ⁴mba hampiofana ampela tanora rey ho tena tea ty valy aman-janany manoka. ⁵Tokony hampianatsy androzy hahonom-bata, halio, hikarakara tokatsano soa, sady hanenky ty valiny ndrozy. Tokony hanao raha iqby zay ndrozy mba tsy ho voakizaky ty Safsn-Janahary. ⁶Manahaky zayl ampaherezo lahilahy mbo tanora rey mba hahonom-bata. ⁷Amy ty fomba iaby ro atoró ty vatanao ho modely ty asa soa rey; sady lafa mampianatsy iha, le manoro fahitia noho fahendrea. ⁸Manambarà hafatsy salama noho tsy misy tsiny rey, mba ho menatsy ze manohitsy ndra ia ndra ia, safe tsy mana ndra ino ndra ino raty ho volany mikasiky antsika ie. ⁹Mpiasa rey ro tokony hanenky ty tompony amy ty raha-iaby. Hanao ze sitsapony fa tsy hifamaly aminy. ¹⁰Tsy tokony hangalagalatsy ndrozy. Fa koa, tokony hanoro ty finoa soa iaby ndrozy, mba hahamendriky ty fampianarantsika mikasiky an-Janahary mamonjy antsika amy ty lafiny iaby. ¹¹Fa niboaky tany ty olo-iaby ty fahasoavan-Janahary. ¹²Mampianatsy antsika handà ty toetsy tsy manahaky an-Janahary noho ty filà ty tany iaby toy zay. Mampianatsy antsika hiay am-pihonona, am-pahamarina, sady mahahaky ty lalan-Janahary amy vanim-potoa zao zay ¹³am-pandinasantsika mare eo ze handinasantsika ty fanantena soaso, ty fiboaky ty voninahitsy Njanaharintsika bevata noho Mpamonjy Jesosy Kristy. ¹⁴Jesosy ro nanome ty vatany ho antsika mba hanavitsy antsika hiala amy ty tsy fanarahan-dalà iaby noho hanaliova, ho ahy ty vatany, olo raiky manoka ze tena mazoto hanao asa soa. ¹⁵Ambarao sady andeso ampahereza raha rey. Manomeza fanitia amy ty fahefa iwby. Ka enga hisy olo hanao tsinotsino anao.

Chapter 3

¹Ampaherezo ndrozy hanenky mpanapaky reg noho manam-pahefa rey, hanenky androzy, ho vonona amy fy asa soa iaby. ²Ampahatiarova androzy tsy hikizaky ndra ia ndra ia, hiala amy ty alihevitsy, hanenga ty hafa hanoriky ty lalany, sady hampitoto fanetsem-bata amy ty olo iaby. ³Fa taloha teo ty vatantsika ro tsy nanan-tsiny sady tsy nanenky. Voatariky tany fy lala-diso tsika sady nande vozy ty filà noho ty fahafinareta sambihafa. Niay tany ty faharatantsay ao noho ty fialona tsika. Nihejy zahay sady nifankalay tsika. ⁴Fa lafa natoro ty hasoam-panahin-Janahary mpamonjy antsika noho ty fitiavany ty olombelo, ⁵le tsy tany ty asa ty fahamarina nanovintsika zay, fa tany ty famalozam-po ro namonjeany antsika. Ie ro namonjy antsika rany ty alala ty fanaliova ty fahaterahambaovao noho ty fanavaoza tany ty Fanahy Masy. ⁶Njanahary nandrotsaky lako tamintsika ty Fanahy Masy tany ty alala i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. ⁷Nanoviny zay mba, ho voanarina tany ty fahasoava, le hanjary mpandova tsika amy ty alala ty fahatokisa ty fiaina zisiky farany. ⁸Hafatsy zay ro maeva-pitokisa. Teako hivola mikasiky raha zay am-patokisa nareo, mba ze mahatoky an-Janahary rey ro maniry hanao asa soa rey ze fa napetsany talohan-drozy eo. Raha zay ro soa noho mahasoava ho ahy ty olo iaby. ⁹Fa ialao ty asihevitsy adala noho ty tantaram-piraza sady ty fifamalea noho ty aly mikasiky ty lalà. Raha rey ro raha tsy misy noho tsy mahasoava. ¹⁰Mandà ze olo iaby miteraky fizarazara anivonareo eo, afara ty fampiemkena indraiky ndra indroe, ¹¹sady haizo fa ty olo manahaky zay ro niala tany ty lala marina sady manota noho manasazy ty vatany. ¹²Lafa naniraky an'i Artema ndra Tykiko aminareo any zaho, le malaky sady mamonjea amiko any a-Nikopolia any ze nanapqhako hevitsy handania ty nintsy. ¹³Malaky sady alefaso Zena, azy mpahay lalà, noho Apostoly iny, mba tsy hanan-draha-maharary ndrozy. ¹⁴Ty olontsika ro tsy maintsy mianatsy manao asa soa ze ila maiky mba tsy ahavy androzy tsy hamokatsy. ¹⁵Iabiaby miaraky amiko rey ro manao veloma anareo. Mananova veloma ze tea antsika amy ty finoava rey. Ho aminareo iaby lahy ty fahasoava.

Philemon

Chapter 1

¹Paoly, voagadra an'i Jesosy Kristy, noho ty rahalahy Timoty ho an'i i Filemona, nama teany noho mpiara-miasa aminay, ²sady ho an'i Apia anabavinay, noho Arkipo maramila namanay, sady ho ahy ty egilizy ze mivory antsanonao ao. ³Ho aminareo lahy ty fahasoava noho fiadana baka amin-Janahady Babantsika noho Jesosy Kristy Tompo. ⁴Miasaora ty Njanahariko zisiky farany zaho. ⁵Manono anao zaho amy ty fivavahako. Fa nahare ty amy ty fitiava noho ty finoava ze anananao amy i Jesosy Tompo ao sady ho ahy ty mpino iaby rey zaho. ⁶Mivavaky zaho mba hahavy ty fiomb9na amy ty finoanao homety amy ty fahaiza ty raha soa iaby ze amintsika eo amy i Kristy ao. ⁷Fa nana fifalea noho fionona bevata zaho noho ty fitiavanao, safe ty fo mpino rey ro nivelombelomy tany ty alalanao, fahalaky e. ⁸Laha zay, ndra le mana fahasakia iaby amy i Kristy ao aza zaho hibeko anao mba hanao ze tokony hanovinao, ⁹nefa noho ty fitiava, le mikaiky anao koa zaho - zaho, Paoly, lahilahy antitsy, sady amy zao gadra ho ahy i Jesosy Kristy. ¹⁰Mangataky anao zaho ty amy ty anako Onesimosy, ze naterako tany ty fehiko. ¹¹Fa ie ro tsy nahasoava anao taloha eo, fa amy zao ie le mahasoava anao noho zahao. ¹²Nalefako nimpoly ho aminao any ie, ie azy teako vatany iny. ¹³Maniry ty hitanjaky azy hiaraky amiko zaho, mba hafahany manompo ahy ho ahy anao, laha mbo voafehy noho ty filazantsoa zaho. ¹⁴Nefa tsy ta hanao ndra ino ndra ino laha tsy misy ty fanenkeanao zaho. Tsy teako ho am-porosé ty asa soa anovinareo fa an-tsitsapo. ¹⁵Vasa laha zay ro nisarahany taminao anay ty fotoa tsy ampy, mba hanananao azy zisiky farany. ¹⁶Tsy ho andevo sasy ie, fa soa mandilatsy noho ty andevo, le rahalahy malala. Ie ro tea ahy biby, sady mandilatsy maré ho ahy nao, ndra amy ty nofotsy ao ndra amy Tompo ao. ¹⁷Ka laha mana ahy ho mpiara-miasa iha, le rambeso manahaky ahy ie. ¹⁸Laha manao ty tsy mety ie ndra mitsosa ndra ino ndra ino aminao, le anovo ho ahy zay. Zaho, Paoly, manoratsy amy ty tanako zao: ¹⁹Zaho ro handoa aminao. Tsy mivola aminao hoe mitsosa ty vatanao amiko iha. ²⁰Eka, rahalahy e, anovo mahazo tombony amy Tompo ao zaho; ameo fijanona ty foko amy i Kristy ao. ²¹Ty toky mikasiky ty fankatoavanao, ro soratiko ho ahy nao. Haizo fa hanao mwndilatey noho ze angatahiko iha. ²²Anay fotoa zay ao avao, ameo ho ahy ty efitsy fandrambesam-bahiny, fa manantena zaho fa amy ty alala ty vavakinao ro dinihy aminao ndraiky zaho. ²³Epafra, namako mpiara-migadra amy i Jesosy Kristy ao, manao veloma anao. ²⁴Manahaky zay koa i Marka, Aristarko, Demasy sady Lioka, mpiara-miasa amiko. ²⁵Ho amy ty fanahinareo lahy ty fahasoavai Jesosy Kristy Tompontosika Ameny.

Hebrews

Chapter 1

¹Taloha fa ela maré Njanahary le niresaky tamy ty razambentsika tamy ty alala olo to-resaky rey tamy ty fotoa lako noho tamy ty fomba lako. ²Fa amy ty andro farany toy, le niresaky tamintsika tamy ty alala ty Anakilahy Ie, ze nitondroe ho mpandova ty raha iaby. Tamy ty alalany avao koa ro niharean-Janahary tany iaby toy. ³Ie ro famirapirata ty voninahitsin-janahary, azy endriky ty vatany bibike. Ndra ty raha iaby aza le tandrahany hiaraky amy ty alala ty hery ty safany. Tafara ty nananovany malio ty fahota rey, le nipetsaky tambany ty tanan-kavana ty Bey amy ty abo eo ie. ⁴Lasa anabo manahaky ty anjely rey Ie, safe ty anara nilovany ro soa lavitsy noho ty anaran-drozy. ⁵Fa ie tamy ty anjely rey ro mba nivolanin-Janahary hozao: "Anako iha, lasa babanao Zaho androany" Sady ndraiky hozao: "Ho raiky ho azy Zaho, sady ie ho anaky ho Ahy"? ⁶Sady koa, lafa nanday ty anakilahy velohany tamy ty tany iaby toy teto Njanahary, le nivola Ie hozao: "Anjelin-Janahary iaby rey ro tsy maintsy manompo Azy." ⁷Mikasiky anjely rey ro nivola Ie hozao: "Ie azy raiky nanao anjeliny rey ho fanahy, sady mpiasany rey nanoviny lelan'afo." ⁸Fa mikasiky ty Anaky ro hoy Ie hozao: "Ty seza fipetsahanao, Njanahary, ro zisiky farany sady ho doria. Ty tehy ty fanjakanao ro tehy ty fitsara. ⁹Nitea ty fahamarina iha sady nalay ty fandikan-là. Laha zay Njanahary, Njanaharinao, le nanosotsy anao tamy ty menaky ty hafalea mandilatsy noho mpiara-lia aminao rey." ¹⁰Tamy velohany any, Tompo, Iha ro nanome ty fototsy ty tany. Lanitsy ro asa ty tsanonao rey. ¹¹Ho rava ndrozy, fa Iha hanohy. Ho tataky manahaky ty tapa-tsiy ndrozy. ¹²Hamoritsy androzy manahaky ty fisikina iha, sady hova manahaky ty vorotsiky ndrozy. Fa iha ro manahaky zay, sady ty taonao ro tsy hana-fijanona." ¹³Fa ia tamy anjely rey ro nivolanin-Janahary tamy ty fotoa iaby hozao: "Mipetsaha amy ty tana ankavanako eo zisiky-hananovako fahavalonao rey ho seza ho ahy ty tombokino"? ¹⁴Moa va anjely iaby rey tsy fanahy manompo, noho nalefa hiahy ze handova ty famonjea rey?

Chapter 2

¹Laha zay tsika le tsy maintsy miemby bevata vatany amy ze rentsika, mba tsy hanara-drenirano amy zay tsika.

²Fa laha marina ty hafatsy ze nivolany tamy ty alala anjely rey, sady ty fandikan-dalà iaby noho ty tsy fanenkea le mandramby sazy ara-drariny, le³ tao akory sady ro hafahantsika milay laha tsy midary fampnjea bevata zay tsika? Io ro famonjea ze nambara Tompo velohany noho nampahereza ze naharé zay tamintsika rey. ⁴Tamy fotoa io avao Njanahary le nanaporofa zay tamy ty famantara, fahatsereha, sady asa mahery sambihafa, sady tamy ty fizara ty fanomezam-pahasoava ty Fanahy Masy rey mahahaky ty sitsapony.⁵Fa tsy tamy ty anjely ro nampananken-Janahary tahy iaby toy ho avy, mikasiky ze resahintsika. ⁶Fa koa, nisy olo nitsanga vavolombelo an'i say taloha any, mnao hozao: "Ino ty olo, ro misaina azy iha? Ndra ty anak'olo, ro mikarakara azy iha?"⁷Iha ro nanao ty olo kelikely ambany noho anjely rey; nisatsohinao satso-boninahitsy tamy ty voninahitsy noho dera ie. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa ilany taloha ro mihary hozao: "Sady iha nampipetsaky azy anabo asa ty tananao rey."]⁸Ty raha iaby ro nampanenkeanao ambany ty tombony eo." Fa ho azy ro nampanenken-Janahary ty raha iaby. Tsy nanenga ndra ino ndra ino ie ka le tsy nampanenky azy. Fa amy zao tsika le tsy mbo mahita ty raha iaby nampanenke azy.⁹Fa tsika mahita azy raiky zecnanovy ambany noho anjely rey anaty ty fotoa tsy ampy: Jesosy, zay, noho ty fijaleany noho ty fahafatesany, le nisatsoha satso-boninahitsy tamy ty voninahitsy noho dera. Ka le amy zao tamy ty alala ty fahasoavan-Janahary, ro nanandramany ty fahafatesa ho ahy ty olo iaby. ¹⁰Fa mety amin-Janahary zay, safe ty raha iaby le misy ho Azy sady amy ty alalany, mba handay anaky lako ho amy ty voninahitsy any. Mety aminy ty hahavy ty mpitariky ty famonjea androzy ho atsiky amy ty alala ty fijaleany.¹¹Fa ndra ty olo ze manamasy ndra ze voamasy rey ro mana loharano raiky. Laha zay le tsy menatsy mikaiky androzy hoe rahalahy le. ¹²Hoy le hozao: "Hanambara ty anaranao amy rahalahiko rey Zaho, hihira ty mikasiky anao baka anay ty goropy ao Zaho."¹³Sady koa, "Hatoky azy zaho." Sady koa: "Ingo, eto zaho noho anaky ze namean-Janahary ahy rey."¹⁴Laha zay, safe nofotsy noho lio anakin-Janahary rey, le nizara raha manahaky ty niaraky tamin-drozy rey avao koa Jesosy, mba ho amy ty alala ty fahafatesa ro handravany ty raiky ze mana ty hery ty fahafatesa, le ty devoly zay. ¹⁵Zay ro mba hanafahany iaby zay rey noho ty tahotsy ty fahafatesa ro niaina ty fiaina rozy iaby tamy ty fanasazia ao.¹⁶Fa mazava ho azy fa tsy anjely rey ro voasarombaky; fa koa, tariha i Abrahama. ¹⁷Laha zay le maeva Azy ty anovy manahaky rahalahiny rey amy ty fomba iaby, mba ho mpisorobey atsiky famalozam-po noho fatokisa le amy ty fifandrambesa amy raha Njanahary rey, sady mba handay mikasiky ty fanenga ty fahota ty olo rey. ¹⁸Safe Jesosy mihintsy ro nijaly noho nalà fanahy, le afaky manampy ze alam-panahey rey le.

Chapter 3

¹Laha zay, rahalahy masy, nizara ty kaiky ty lanitsy nareo. Diniho ty mikasiky i Jesosy, ty apostoly noho mpisorobey ze enkentsika. ²Ie ro nahatoky an-Janahary, ze nanondro azy, manahaky an'i Mosesy ze nahatoky tan-tsanon-Janahary ao avao koa. ³Fa Jesosy ro fa nirambesy maeva ty vo inahitsy bevata noho Mosesy, safe ze namboatsy ty tsano ro manan-kaja bevata maré noho tsano iny. ⁴Fa ty tsano iaby ro nisy olo namboary, fa ty raiky ze namboatsy ty raha iaby ro Njanahary. ⁵Amy ty lafiny raiky, Mosesy ro natokisa manahaky mpiasa tan-tsanon-Janahary ao raiky iaby. Ie ro vavolombelo mikasiky raha ze tokony fa nivolany amy ty ho avy rey. ⁶Fa Kristy ro Anaky miantoky ty tsanon-Janahary. Isaka ro tsanony laha hohatsy ka le Mitandraky maré ty herim-po noho ty fatokisantsika taika. ⁷Laha zay, zay ro manahaky ty volany ty Fanahy masy hozao: "Henanio, laha maharé ty deony nareo" ⁸Ie ka mampahery ty fonareo manahaky ty amy ty fiharoa, amy ty fotoa ty fitsapa ambaliky any, ⁹Manahaky zay ty razambenareo lafa niharo tamy ty alala ty fitsapa Ahy, sady lafa, anay ty efapolo tao, le hitandrozy ty asako. ¹⁰Laha zay le tsy faly Zaho amy tariha io. ¹¹Hoasako hozao: 'Ndrozy ro voatariky zisiky farany amy ty lala-diso am-pony ao any. Tsy nahay ty lalako ndrozy. Manahaky zay ro niainako tamy ty helokiko hozao: 'Tsy hilitry amy ty fijanonako ao velively ndrozy.'" ¹²Miembena, rahalahy, mba tsy hisy ndra raiky aminareo aza ro hanao fo raty ty tsy finoa, fo ze miala amin-Janahary velo. ¹³Fa koa, mifampahereza isa'andro, laha mbo misy ty kaihe hozao: "Henanio", mba tsy hisy aminareo hahery fo amy ty alala ty fitaky ty fahota. ¹⁴Fa tsika ro lasa mpiaramiasa amy i Kristy laha hohatsy ka le mitandraky maré ty fatokisantsika Azy zisiky amy velohany ka le zisiky amy ty fihafarany any. ¹⁵Fa ty mikasiky zay ro fa voavola hozao: "Henanio, laha maharé ty feony nareo, le ka mampahery ty fonareo, manahaky ty amy ty foharoa." ¹⁶Ia ie ze fa naharé an-Janahary ka le miharo? Fa tsy iaby ze niboKy baka ta Egypta any rey tamy ty alala i Mosesy va zay? ¹⁷Ia ro nampeloky azy anay ty efapolo tao? Tsy ze nanota rey va, ze lavo tan'efitsy any ty tafin-drozy? ¹⁸Ho an'ia ro niainany fa tsy hilitry amy ty fijanonany ao ndrozy, laha tsy ho ahy ze tsy nankato Azy rey? ¹⁹Hitantsika fa tsy afaky nilotsy tamy ty fijanonany ao ndrozy noho ty tsy finoa.

Chapter 4

¹Laha zay, engao hiemby soa tsika mba tsy hisy aminareo ty tsy afaky hahatsatsy ty safa fampanantena nenga ho ahy nareo mba hiliranareo amy ty fijanonan-Janahary ao. ²Fa tsika ro nanambara ty vaovao mahafaly manahaky androzy. Fa hafatsy zay ro tsy misy tombony ho ahy ze tsy niharo rey tamy ty finoa niaraky tamy ty ze nanenky rey ao. ('Fanamariha: ty dikan-tsafa zay ro tsy nisy tombony ho ahy ze naharé azy tamy ty tsy finoa rey.")³Fa tsika ze nino le azy ze nilotsy amy fijanona zay rey, manahaky ze fa nivolaniny hozao: "Manahaky ty niainako tamy ty heloko, le tsy hilitry velively amy ty fijanonako ao ndrozy." Fa ndra zay koa aza, ty asa famoronany le vita tamy ty fanamboara tany iaby toy. ⁴Fa ie nivola tany ho ambany ty andro faha-fito any hozao: "Njanahary niajnona tamy ty andro faha-fito tamy ty asany iaby." ⁵Sady mbo nivola ndraiky ie hozao: "Sady mbo nivola ndraiky ie hozao: "Ie ro ro tsy hilitry velively amy ty fijanonako ao." ⁶Laha zay, safe mbo viatoka ho ahy ty ilany ty filira amy ty fijanonany ao, sady safe lako Israely nahare ty vaovao mahafaly rey tsy nilitsy tao noho ty tsy fanenkea, ⁷le nametsaky andro raiky ndraiky nikaihe hozao: "Androany" Njanahary. Tafara ty andro lako, le niresaky tamy ty alala i Davida Ie, manahaky ze voavola aloha hozao: "Henanikio lafa maharé ty feony nareo, le ka manamafy ty fonareo." ⁸Fa laha Josoa ro nanome fijanona androzy, le tsy niresaky mikasiky ty andro raiky hafa Njanahary. ⁹Laha zay le mbo misy sabata fijanona voatoka ho ahy ty olo lakon-Janahary. ¹⁰Fa ze militsy amy ty fijanonan-Janahary ao ro nijano tamy ty asa avao koa. manahaky ty nanovin-Janahary tamy ty Azy. ¹¹Laha zay engao tsika hazoto hilitry amy fijanona zay, mba tsy hisy ndra raiky aza ho tafalatsaky amy ty karaza tsy fanenkea ze nanovin-drozy. ¹²Fa ty safan-Janahary ro velo noho mandaitry sady maranitsy noho ty meso-bey roe lela. Zay ro mitomboky zisiky amy ty fanasaraha ty ay amy ty fanahy, noho ty tono amy ty sarotso mihintsy aza. Ka le afaky haizy ty eretsetse ty fo noho faniria rey. ¹³Tsy nisy famorona tsy hita tanilan-Janahary eo. Fa koa, ty raha iaby ro mibaribary noho mivoha amaso azy raiky ze tsy maintsy hampiboahantsika iny eo. ¹⁴Laha zay, safe tsika ro mana mpisorobey bevata ie nanjary mamaky ty lanitsy, Jesosy Anakin-Janahary, le handeha tsika hipitiky maré amy ty finoantsika. ¹⁵Fa tsika ro tsy mana mpisorobey ze tsy mahatsapa fangoraha amy ty fahalemeantsika. Fa koa, tsika ro mana olo raiky ze fa nalam-panahy tamy ty fomba iaby mahahaky antsika, fe Ie tsy misy ota. ¹⁶Engao sady tsika handeha amy ty fatokisa ho amy ty seza fipetsaha ty fahasoava any, mba handrambesantsika ty famalozampo noho hahita fahasoava hanampy amy ty fotoa ilà zay.

Chapter 5

¹Fa ty mpisorobey iaby, bvoatingy baka amy ty olo, ke nitondroe mba hiasa amy ty anara ty llo amy raha mikasiky an-Janahary, ka le mba hanomezany fanomeza noho fanomeza ho ahy ty ota. ²Ie ro afaky mifanaraky mora amy fy tsy mahay noho ty maniasia safe ie vatahy avao koa ro voalily ty fahaleme. ³Laha zay, ie avao koa le nitakeny hanome soro ho otany rey manoka, manahaky ty nanovy ho ota ty olo rey. ⁴Tsy ho ahy ty vatany ro handrambesa ty olo voninahitsy zay. Fa koa, ie ro nikaihin-Janahary, manahaky an'i Arona. ⁵Le manahaky zay, Kristy tsy mba nanome haja ty vatany mihintsy tamy ty fananovany ty vatany ho mpisorobey. Fa koa, azy raiky ze niresaky taminy nivola hozao: "Anako Iha; henanio ro lasa babanao Zaho." ⁶Manahaky zay avao koa ro nivolaniny tamy ty toera-hafa any hozao: "Iha ro mpisoro zisiky farany manahaky ty fomba i Melkizedeka." ⁷Anay andro ty nofotsiny rey, Kristy nanome vavaky noho fangataha niaraky tamy ty horaky maré noho ranomaso an-Janahady, azy raiky ze afaky mamonjy Azy amy ty fahafatesa. Re Ie noho ty tangorahany. ⁸Ndra le anaky aza Ie, le nianatsy fankatoava tamy raha rey ze niaretany. ⁹Nanovy ho resilahatsy Ie le ho avy, ho ahy ty olo iaby ze manenky Azy, azy loharano ty famonjea zisiky farany iny. ¹⁰Le nitondroen-Janahary manahaky ty mpisorobey Ie manahaky ty fomba mikasiky i Melkizedeka. ¹¹Manan-kambara lako mikasiky i Jesosy zahay, fa sarotsy ty mazava zay zisiky ty naha-nampijaly ty fandresenareo. ¹²Fa amy ty fotoa zao le tokony ho mampianatsy nareo, nareo ro mbo mila hampianatsy anareo fitsipiky fototsy ty hafatsin-Janahary. Ronono ro ilanareo, fa tsy ventin-kany! ¹³Fa ty olo ze mino ronono amy zao avao ro tsy ampy tsaikefa amy ty fahatsy ty fahamarina, safe ie ro mbo aja kelikely. ¹⁴Fa ty ventin-kany ro ahy bey rey. Rey ro ze voahofa taky ty fanavaha ty soa amy ty raty ty fatakarany noho ty fahamatoran-drozy.

Chapter 6

¹Laha zay, andao hengatsika ty fitomboana ty hafatsy i Kristy ka le handroso amy ty fahamatora. Andao tsika tsy hametsaky ndraiky ty fototsy ty fibebaha noho ty asa ty maty noho ty finoa an-Janahady, ²ndra ty fototsy ty fampianara mikasiky ty batisa, ty fametsahan-tana, ty fitsangana ty olo maty rey, sady ty fitsara zisiky farany. ³Hanao zay avao koa tsika laha engan-Janahary. ⁴Fa tsy anoovy ho ahy ze fa nihazava indraiky avao zay, ze nanandra ty fanomeza baka an-danitsy any, ze nandramby ty Fanahy Masy, ⁵sady ze nanandra ty safa soan-Janahady noho hery ty vanim-potoa ho avy rey, ⁶fe bakeo le lavo—tsy hay anovy ty mampimpoly androzy amy ty fibebaha ndraiky. Zay ro safe naboakin-drozy ho ahy ty safan-drozy ndraiky ty Anakin-Janahary, sady nalany baraka ampahibemaso. ⁷Fa ty tany ze mitsoky ty ora san'andr avy amy zaym noho ze mamoha raha-mitiry ila olo ze niasa ty tany rey—io ro tany ze mandramby fitajia baka amin-Janahary. ⁸Fa laha mamokatsy fatiky zay, le tsy misy ilà azy sady fa mariny ty fanozona. Ty fihafarà zay ro amy ty siaky. ⁹Fa zahay ro resy lahatsy ty amy raha soa vatany mikasiky anareo rey, malala, raha ze mikasiky ty famonjea, ndra le mivola mahahaky zay aza zahay. ¹⁰Fa Njanahary ro tsy mba tsy marina kable hanalino ty asanareo noho ty fitiava ze natoronareo noho ty anarany, safe nareo ro nanompo mpino rey sady mbo manompo androzy zisiky any. ¹¹Maniry maré zahay mba hanoro fazotoa manahaky zay zisiky amy ty farany any ty kirai-draiky aminareo ho ahy ty antoky ty fatokisa atsiky. ¹²Zay ro mba tsy ho lasa kamo nareo, fa ho mpangalaky-atahaky ze ty mandova fampanantena amy ty finoa noho haela rey. ¹³Fa tamin-Janahary nanao ty fampanantenany tany i Abrahama, le niay tany ty Vatany Ie, lafa tsy afaky niay tany ty olo bevata vatany. ¹⁴Hoy le hozao: "Zaho ro hitahy anao vatany, sady tena hahalako anao." ¹⁵Tany fomba zay, le nahazo ze nampanantenany tafara ty nandinisany tany ty haela Abrahama. ¹⁶Fa ty olo ro miay amy ty olo ze bevata vatany nobo ty safan-drozy. Isaky ty fapitsy ty fifamalean-drozy, le misy voady raiky nanovy ho fampahereza. ¹⁷Lafa nanapa-kevitsy ty hampitro mazava vatany tany mpandova ty fampanantena ty tsy fiova ty kalitao ty tanjony rey Njanahary, le nameany antoky fany ty voady zay. ¹⁸Nanoviny zay mba ho amy ty alala ty raha tsy azo ova roe --- ze tsy hain-Janahady ty mavandy amy zay---le hana fampagereza matanjaky mba hitanjaky maré ty fatokisa ze napetsaky talohantsika eo, tsika, ze nilay mba hana fialofa. ¹⁹Mana toky zay tsika ho aro noho vatofantsiky azo hiankina ho ahy ty fanahintsika, fatokisa ze militsy amy ty fipetsaha ao anainy ambaliky ty siky ao. ²⁰Jesosy nilitsy tany fipetsaha zay ao manahaky ty mpitariky laka ho antsika, ka le lasa pisorobey zisiky farany manoriky ty fomba i Melkizedeka.

Chapter 7

¹Melkizedeka zay, mpanjaka i Selema, mpisoron-Janahary Abo Bibike, ze nifanojiky tamy i Abrahama lafa nimpoly baka nandresy mpanjaka rey sady nitahy azy. ²Ie ro namea i Abrahama ty ampahafolo ty raha iaby. Ty anarany hoe "Melkizedeka." le midika hoe "mpanjaka ty fahamarina." Ty anarany hafa ro "mpanjaka i Salema," zay ro: "mpanjaka ty fiadana." ³Ie ro tsy manan-dray, tsy manan-dreny, tsy mana razambe, sady tsy mana fiatomboha ty andro sady tsy mana fiafara ty tiay rey. Fa koa, mitovy amy ty Anakin-Janahary ie, safe mipetsaky ho mpisoro zisiky farany. ⁴Hentao ty habey lahilahy io. Ty razambentsika Abrahama ro nanome ty ampahafolo ty raha ze azony tamy ty aly rey. ⁵Amy ty lafiny raiky, anakilahy i Levy ze mandramby ty fisorona rey ro mana veko baka amy ty lalà mba hamory ty ampahafolon-kanana baka amin'olo rey any, zay ro, baka amy ty rahalahin-drozy rey, ndra zay aza ndrozy, avao koa, ro baka amy ty vata i Abrahama. ⁶Fa amy ty lafiny raiky, Melkizedeka, ze tsy voasoritsy baka amin-drozy ty tarihany, le nandramby ampahafolon-kanana baka amy i Abrahama, sady nanome tsipi-rano azy, azy raiky ze nana fampanantena iny rey. ⁷Tsy misy fandava fa ty olo ambany bibike ro amea ty olo anabo bibiky tsipi-rano. ⁸Amy raha mahazo zay, ty olo mety maty ro mandramby ampahafolon-kanana, fa amy ty raha mahazo toy ro voaporofa fa mbo velo ie. ⁹Sady, amy ty fomba firesaky, Levy, ze nandramby ampahafolon-kanana, ro nandoa ampahafolon-kanana tamy ty alala i Abrahama avao koa, ¹⁰safe Levy ro tanay ty vata ty razambeny lafa nitojiky tamy i Abrahama i Melkizedeka. ¹¹Amy zao laha azo anovy amy ty alala ty fisaora levitika ty fahatanteraha (fa anovy ambany zay ty olo ro nandramby ty lalà), le filà bevata vatany ino ro mety nisy ho ahy ty mpisoro hafa mba hitsangana manahaky ty fomba i Melkizedeka, sady tsy rambesany manahaky ty fomba i Arona? ¹²Fa lafa niovà ty fisaora, le tsy maintsy hovà avao koa ty lalà. ¹³Fa azy raiky nivola ty mikasiky raha rey iny ro ahy ty foko hafa, ze tsy misy olo manompo amy ty alitara eo mihintsy. ¹⁴Fa mazava amy zao, fa baka amy i Joda ro nahateraha ty Tompontosika, foko ze tsy nivolany i Mosesy mihintsy ty mikasiky mpisoro rey. ¹⁵Ze volanintsika ro fa mazava vatany laha misy mpisoro hafa mitsanga amy ty endriky i Melkizedeka. ¹⁶Tsy baka amy ty fototsy ty lalà ty tariha ty nototsy ro nahavy azy ho mpisoro, fa koa baka amy ty fototsy ty hery ty fiay tsy mety rava. ¹⁷Fa ty Soratsy Masy ro mitsanga vavolombelo mikasiky azy hoo: "Iha ro mpisoro zisiky farany manahaky ty fomba i Melkizedeka." ¹⁸Fa nisy fandrava ty lily taloha eo safe nalemy noho tsy nisy dikany zay. ¹⁹Fa tsy nisy raha nanovy ty lalà niavy avao. Nefa, misy ty fampilira fatokisa soa vatany ho ahy ty ho avy ze hanantonantsika an-Janahary. ²⁰Tsy nitsanga zay laha tsy nisy ty fandrampesa fiaina. Amy ty lafiny raiky, hafa rey ro avy mpisoro tsy nila fiaina rey. ²¹Fa amy ty lafiny raiky hafa, raiky toy, Jesosy, ro nanjary mpisoro tamy ty alala ty fiaina nanovy azy nivola taminy iny hoo: "Ty Tompo ro nifanta sady tsy hiova amy ty heviny hoo: 'Iha ro mpisoro zisiky farany.'" ²²Tamy ty alala zay avao koa Jesosy ro nanome antoky ty fanenkeampilongoa soa vatany. ²³Amy ty lafiny raiky, lako ro nanjary mpiasoro safe ty fahafatesa ro manaka androzy hanohy. ²⁴Amy ty lafiny raiky hafa, le mana fisaora zisiky farany. ²⁵Laha zay ie avao koa ro afaky mamonjy tanteraky ze mamonjy an-Janahary rey amy ty alalany, safe ie le miay avao mba handrara ho androzy. ²⁶Fa ty mpisorobey manahaky zay ro mety ho antsika. Ie ro tsy manam-pahota, tsy manan-tsiny, malio, nisaraha tamy mpanota rey, sady niavy anabo noho lanitsy rey. ²⁷y mila ie, tsy manahaky mpisorobey rey, hanome soro isan'andro, ty velohany ho ahy ty fahotany manoka, sady bakeo ho ahy ty fahota ty olo rey. Fa nanao zay indraiky avao ho ahy ty iaby ie, lafa nanome ty vatany. ²⁸Fa ty lalà manondro ty olo ze mana fahalemea ho mpisorobey. Fa ty safa ty fiaina, ze avy tafara ty lalà, ro nanondro Anakilahy, ze nanovy avy avao zisiky farany.

Chapter 8

¹Sady ty fototsy ty raha volaninay le zao: Tsika ro mana mpisorobey ze nipetsaky tan-tanan'ankavana ty seza fipetsaha azy bey Voninahitsy iny an-danitsy any. ²Ie ro mpiasa amy ty toera masy ao, azy tabernakely marina iny zay ty Tompo, fa tsy ty olo, ro namboatsy azy. ³Fa ty mpisorobey iaby ro nitondroe hanome fanomeza noho soro. Laha zay le ilà ty mana raha hamea. ⁴Sady laha tan-tany eto Kristy, le tsy ho mpisoro vatany Ie, safe misy ze manome fanomeza manahaky ty lalà rey. ⁵Ndrozy ro manompo amy ty tabernakely ao ze talindoha noho aloky ty raha an-danitsy any. Zay ro hanahaky ty nampiembenan-Janahary an'i Mosesy laha ie handeha hamboatsy tabernakely: hoasan-Janahary hozao "'Hentao mba ho anovinao manahaky ty modely ze fa natoro anao tam-bohitsy eny ty raha iaby."⁶Fa amy zao Kristy ro nandramby asa fanompoa soa lavitsy. Zay ro noho ie mpanelanela avao koa amy ty fanenkea soa vatany, ze mifototsy amy ty fampanantena soa vatany. ⁷Fa laha tsy nanan-tsiny ty fanenkea velohany zay, le tsy nisy nila fanenkea faharoe.⁸Fa lafa nahita tsiny tamy ty olo Njanahary, le hoy Ie hozao: "Ingo, ho avy ty andro—hoasa Tompo—lafa hanao fanenkea vaovao amy ty olon'Israely noho ty olo i Joda Zaho. ⁹Le tsy hanahaky ty fanenkea ze nanoviko niaraky tamy ty razan-drozy tamy ty andro ze nandaisako androzy tamy ty tanany hiala baka amy ty tany Egipta any zay. Fa ndrozy ro tsy nipetsaky tamy ty fanenkeako ao, sady Zaho tsy nidary androzy—hoasa Tompo.¹⁰Fa zao ro fanenkea ze hanoviko amy ty olon'Israely afara ty andro raiky —hoasa Tompo. Hanoviko an-tsain-drozy ao ty lalàko, sady ho soratiko am-pon-drozy ao avao koa zay. Ho Njanaharin-drozy Zaho, sady ndrozy ho oloko.¹¹Ndrozy ro tsy hampianatsy ty mpiaraky-mipetsaky sady ty rahalahy iaby, hivola hazao: 'Haizo ty Tompo.' Fa hahay Ahy ty iaby, manomboky amy ty kelikely bibike ka lw zisiky amy ty bevata bibike amin-drozy. ¹²Fa Zaho ro hamalo fo amy ty tsy fahamarinan-drozy, sady tsy hahatiaro fahotany rey sasy."¹³Amy ty fivolana hoe "vaovao", le nanao ty fanenkea velohany ho taloha ie, ze fa lany andro noho antitsy ro fa mariny ho rava.

Chapter 9

¹Sady ndra le ty fanenkea velohany aza le nana fitsipi-pivavaha noho fipetsaha masy an-tany eto. ²Fa nisy tabernakely ze niomany. Ty efitsy velohany, ze nisy ty fipetsahan-jiro, ty latabatsy, sady ty mofo ty famonjea, le nikaihy hoe fipetsaha masy. ³Ambaliky ty siky faharoe ao ro nisy afatsy raiky hafa, kaihy hoe toera masy bibike. Nisy alitara volamena ho ahy ty lintan-kazo manitsy zay. ⁴Nisy ty tobily ty fanenkea avao koa, ze rakotsy volamena tanteraky. Tanay zay ao ro nisy sihoa volamena ze nisy ty mana, ty tehy i Arona ze naniry, sady vato pisaky ty fanenkea rey. ⁵Eka anabo ty tobily lako ro manaloky ty saro fanarona, ze tsy afaky resahinay amy ty antsihirihany amy zao. ⁶Lafa voahoma raha rey, le nilitsy tamy ty efitsy ambaliky ty tabernakely ao avao mpisoro rey mba hanao ty fanompoan-drozy. ⁷Fa ty mpisorobey avao ro nilitsy indraiky avao isan-tao tamy ty efitsy faharoe ao, sady niaraky tamy ty lio ze namsany ho ahy ty vatany noho ho fahota rey tsy naniry olo rey. ⁸toro ty Fanahy Masy fa ty lala mana amy ty toera masy bibiky any le mbo tsy natoro laha mbo mitsanga ty tabernakely velohany. ⁹Zay ro fanohara ho ahy ty fotoa zao amy zao. Fanomeza noho soro ze amea amy zao rey le samby tsy afaky hahatanteraky ty fieretsereta ty mpivavaky raiky. ¹⁰Mifantoky amy ty hany noho raha-inomy noho karazam-pomba fandiova lako avao rey. Iaby rey ro fitsipiky ho ahy ty nofotsy iaby ze namea zisiky-anamboara ty fandamina vaovao. ¹¹Kristy ro niavy manahaky ty mpisoro bey raha soa ze avy rey. Nandeha tamy fy alala ty tabernakely bevata vatany noho lafatsy vatany ze tsy nanovy ty tanan'olombelo le, ze tsy ahy ty tany iaby voahary toy. [Fanamariha: Dikan-tsafa ilany rey ro mivaky manahaky zao: "Jesosy ro avy manahaky ty mpisorobey ty raha soa ze ho avy rey."] ¹²Tsy tamy ty lio aosy lahy rey noho vantots'aomby vavy zay, fa tamy ty liony manoka ze nilitsy tamy ty toera masy ao bibiky indraiky avao ho ahy ty iaby sady niaro ty famonjeantsika zisiky farany. ¹³Fa laha ty lio aosy noho aomby lahy rey sady ty fandrara ty lavenoky ty vantots'aomby vavy amy ze nanjary maloto rey eo ro manoka androzy amin-janahary eo ho fanadiova ty nofotsin-drozy, ¹⁴manahaky ty ino ty fihoara ty lio i Kristy, ze nanome ty Vatany tsy misy hanja ho an-Janahary tamy ty alala ty Fanahy zisiky farany, hanalio ty fieretseretantsika hiala amy ty asa maty mba hanompoa azy Njanahary velo iny? ¹⁵Laha antony zay, le le ro mpanalalà ty fanenkea vaovao. Zay le, safe nisy fahafatesa raiky niboaky mba hanafaky ze ambany ty fanenkea velohany rey amy ty fahotan-drozy, le handramby ty fampanantena ty lova zisiky farany ze voa kaiky rey. ¹⁶Fa laha misy lilim-panana, ty fahafatesa azy olo ze nanao zay iny ro tsy maintsy voaporofa. ¹⁷Fa lafa misy fahafatesa avao vo manan-kery ty lilim-panana, safe tsy manan-kery zay laha hohatsy ka le velo azy olo ze nanao zay iny. ¹⁸Ka le ndra ro ty fanenkea velohany aza tsy nanovy laha tsy nisy lio. ¹⁹Fa lafa nanome ty lily iaby tamy ty lalà tamy olo iaby rey ao Mosesy, le nangalaky ty lio aomby noho aosy rey, niaraky tamy ty rano, volon'aondry jaky mena, noho hysopa ie, sady nandraraky tamy ty boky noho ty olo iaby eo. ²⁰Sady ie ro nivola hozao: "Toy ro lio ty fanenkea ze nibekoan-Janahary ho ahy nareo." ²¹Manahaky zay koa, ro nandraraky ty lio tamy ty tabernakely rey eo noho fipetsahan-draha iaby rey hampiasa amy ty fanompoa ie. ²²Manahaky ty lalà, ro saiky ty raha iaby ro voalio tamy ty lio. Laha tsy misy fandatsahan-dio ro tsy misy fanengan-keloky. ²³Laha zay le nila ty tandindo raha an-danitsy any rey mba ho voalio ty soro biby rey. Ndra zay aza, raha ty lanitsy mihintsy ro nila niliovy tamy ty soro soa vatany. ²⁴Fa Kristy ro tsy nilitsy tamy ty toera masy bibiky ao ze nanovy ty tanà, ze tandindo azy raiky ze tena ie avao iny. Fa koa nilitsy tan-danitsy any mihintsy le, mba hiboaky amy ty famonjean-Janahary eo ho antsika any zao. ²⁵Tsy nandeha tao mba hanome ty vatany lako le, Manahaky ty fanovy ty mpisorobey, ze militsy amy ty toera masy ao bibiky isan-tao niaraky tamy ty lio ty hafa. ²⁶Fa laha zay ty raha-nahazo, le nila nijaly lako nanombqoky tamy ty fanamboara tany iaby toy le. Fa amy zao le indraiky avao ro nampitoroa Azy mba hangalaky ty fahota amy ty alala ty soro ty vatany avao. ²⁷Fa nanovy ho maty indraiky avao ty olo-iaby, sady afara zay ro ho avy ty fitsara. ²⁸Manahaky zay avao koa, Kristy, ze nanome indraiky qvao mba hangalaky fahota ty lako rey, le hiboaky fanindroeny, tsy handraraha ty ota, fa ho ahy ty famonjea ze mandiny Azy rey amy ty haela.

Chapter 10

¹Fa ty lalà ro alo ty raha soa ho a y avao rey, fa tsy tena endriky ty raha rey. Ze mamonjy an-Janahary rey ro tsy afaky ty ho hieny amy ty alala ty soro mitovy amy ze andesy mpisoro rey isan-tao. ²Laha zay tsy fa nijano ty nanome soro reny va ndrozy? Amy tsanga zay, Laha fa nandalova indraiky avao ndrozy, le tsy mba hahay ty ota sasy mpivavaky rey. ³Fa amy soro rey ro misy fahatiarova ota isan-tao rey. ⁴Safe ty lio ty aomby lahy noho aosy lahy rey ro tsy mahavita mangalaky ota rey. ⁵Laha niavy tamy tany toy eto Kristy, le nivola le hozao: "Tsy soro ndra koa fanomeza ro nirinareo. Fa koa, vata ze fa niomaninareo ho Ahy. ⁶Ty fanomeza oroa ndra soro ho ahy ty ota ro tsy nifalianao. ⁷Sady hoy Zaho hozao: "Henteo, toy Zaho, manahaky ze voasoratsy mikasiky Ahy amy ty Soratsy Masy ao, mba hanao ty sitsakinareo. ⁸Velohany nivola ie hozao: "Tsy soro, ndra koa fanomeza, ndra fanomeza oroa, ndra soro ho ahy ty ota ro nirinareo. Sady Iha tsy nifaly tamy ndrozy reny ao." Reny ro soro ze amea manahaky ty lalà. ⁹Sady nivola ie hozao: "Henteo, toy Zaho hanao ty sitsakinareo." Ie ro nangalaky ty fanohara velohany mba hampipetsaha ty fanohara faha roe. ¹⁰Tamy sitsaky zay, tsika ro nihamasiny tamy ty alala ty fanomeza ty vata i Jesosy Kristy indraiky avao. ¹¹Aamy ty lafiny raiky, ty mpisoro iaby ro mitsanga isan'andro manompo an-Janahary. Ie ro manome soro mitovy zisiky any, ndra zay aza ndrozy le tsy afaky mangalaky ota rey mihintsy. ¹²Amy ty lafiny raiky hafa, Kristy ro nanome soro raiky ho ahy ty ota zisiky farany, nipetsaky tan-kavanan-Janahary eo Ie. ¹³Ie ro mandiny zisiky-ananovany ty fahavalony rey ho fipetsaga-tomboky ho ahy ty tombony. ¹⁴Fa tamy ty fanomeza raiky ie ro nahamety zisiky farany ze nahamasy rey. ¹⁵Ty Fanahy Masy koa ro mitsanga vavolombelo ho antsika. Fa tamy ty velohany Ie nivola hozao: ¹⁶"Toy ro fanenkea ze hanoviko miarakay amin-drozy afara andro rey, hoy ty Tompo. Hapetsako am-pon-drozy ao ty lalàko, sady hanoratsy zay an-tsain-drozy ao Zaho. ¹⁷Tsy hahatiaro ty ota noho helokin-drozy rey sasy Zaho." ¹⁸Sady ndra aia misy fanenga zay, le tsy misy soro ho ahy ty ota sasy. ¹⁹Laha zay, rahalahy, tsika ro mana fatokisa ty hility amy ty toera masy bibike ao tamy ty lio i Jesosy. ²⁰Zay ro lala vaoavao sady velo ze nisokafiny ho antsika tamy ty alala ty siky, zay hoe, tamy ty alala ty nofotsy. ²¹Safe tsika ro mana mpisoro bevata miemby ty tsanon-Janahary, ²²engao tsika hamonjy amy ty fo malio amy ty finoa atsiky fatokisa, mba hananantsikz fo voalio amy ty fieretsereta raty sady hananantsika vata voalio tamy ty rano malio. ²³Engao tsika hitanjaky maré ty fanenkea ty fiandrandra mahatokintsika, tsy am-pihozongozony, safe Njanahary, ze nampanantena, ro matoky. ²⁴Engao tsika handiniky ty fomba handrisiha ty kirai-draiky amy ty fitiava noho asa soa rey. ²⁵Engao tsika tsy hampijano ty fiaraha mivory, mahahaky ty nanovy ty ilany. Fa koa, mifankahereza zisiky any zisiky any, sady vo maiky fa hitanareo fa manariny ty andro. ²⁶Fa laha hohatsy tsika maniry manota lafa baka nandramby ty fahaiza ty marina, le tsy misy fanomeza ho ahy ty ota sasy. ²⁷Fa koa, raiky avao ty fandinasa matahotsy ty fitsatà, sady heloky mirehitsy ze hanorotoro ty fahavalon-Janahary rey. ²⁸Ndra ia ndra ia nandà ty lalà i Mosesy le ho faty tsy misy indrafo amy ty fitsangana vavolombelo roe ndra telo rey ze nanatsi-maso. ²⁹Fanasazia raty lavitsy manahaky ty ino ro eretseretinareo fa maeva ze nanitsaky ty anakin-Janahary rey, ze nanao ty lio ty fifanenkea ho tsy masy---Azy lio ze nanamasy Azy iny---sady nandratiraty ty Fanahy ty fahasoava? ³⁰Fa tsika mahay azy raiky ze nivola hozao iny: "Ahy ty valifaty; Zaho ro hamaly." Sady koa: "Ty Tompo le hitsara ty olony." ³¹Raha mampatahotsy ro hilatsaky an-tanana ty Njanahary velo eo! ³²Fa ka halino ty andro taloha, lafa nihazava nareo, ty fomba niaretanareo ty aly mahery tamy ty fijalea. ³³Nareo ro nalà baraka ampahabeimaso tamy ty fanaratia noho tamy ty fanenjena, sady nareo ro niarakay nizara tamy ze nandalo fijalea manahaky zay rey. ³⁴Safe nareo ro nana fangoram-po tamy ze voagadra rey, sady nareo ro nanenky tamimpifalea ty fangalà ty fanananareo. Le nahay nareo fa ty vatanareo ro mana hanana soa vatanay noho ela zisiky farany. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ro tsy hahita ty helokiny hozao: "Fa nareo ro nana fangoraham-po tamy ty gadrako."] ³⁵Laha zay le ka aria ty fatokisanareo, ze mana valisoa bevata. ³⁶Fa nareo ro mila fahareta, mba hazoanareo ze nampanantenan-Janahary, lafa nanao ty sitsapony nareo. ³⁷Fa tsy ho ela vatany, azy raiky ze ho avy iny ro ho avy vatany sady tsy ho tara. ³⁸Ty oloko marina ro hivelon amy ty finoa. Laha mihemotsy ie, Zaho ro tsy ho faly aminy." ³⁹Fa tsika ro tsy anisa ze mihemotsy ho amy ty faharava rey. Fa koa, tsika ro anisa ze mana finoa ho amy ty fitandraha ty fanahintsika rey.

Chapter 11

¹Sady ty fonoa ro antoky amy ty raha nandrasa tamim-patokisa rey. Io ro porofo raha-mitsanga ze mbo tsy hita rey. ²Fa laha zay razambey rey ro nankatoavy noho ty finoan-drozy. ³Amy ty finoa ro hahazantsika fa ty lilin-Janahary rey ro namoro tany iaby toy, ka le ze hita maso ro tsy nanovy tany ty raha ze hita maso. ⁴Tamy ty finoa ro nanomeza i Abela fanomeza soa vatany ho an-Janahary noho ty ahy i Kaina, tany ty alala zay ro nanambaran' azy ho marina, sady Njanahary nivola soa azy noho fanomezany rey, sady sady amy ty finoa ro mbo hivolana i Abela, ndra le fa maty aza ie. ⁵Tamy ty finoa ro namaloza an'i Enoka mba tsy ahitany ty fahafatesa. "Tsy hita ie, safe nalan-Janahary." Fa taloha ty nangala azy, le nijoro vavolombelo fa nankasitsahan-Janahary ie. ⁶Sady lafa tsy misy finoa ro tsy mety ho ankasitsahiny. Safe ilà hoe ze mamonjy an-Janahary ro tsy maintsy mino fa misy Ie sady Ie ro mamaly soa an'i ze mila Azy rey. ⁷Tamy ty finoa Noa, ro namea ty hafatsy baka amin-Janahary mikasiky raha ze tsy mbo hita rey, niaraky tany ty fanaja an-Janahary ro nanamboarany ty sambo ze namonjeany ty longony. Fa tany ty fananova zay, ro nanasaziany tany iaby toy noho niaviany ho mpandova ty fahamarina manahaky ty finoa. ⁸Tamy ty finoa Abrahama, lafa nikaihe, ro nankato noho nandeha nana amy azy toera ze hahazoany ho lova iny any. Nandeha ie, tsy nahay ze tambany any. ⁹Tamy ty finoa ro niainany tany azy tany nampanantena manahaky ty vahiny iny. Niaina tanay tsano lay ao ie niaraky tany Isaka noho Jakoba, mpiaramandova amy azy fampanantena mitovy rey iny. ¹⁰Fa ie nila azy tanà ze mana fanamboara iny rey, azy tanà ze Njanahary iny ro mpamari-tsano noho mpanori-tsano. ¹¹Tamy ty finoa, ndra le Sahara ie vatany ze miaro aza, ro nahazoa i Abrahama ty fahafaha ho raiky. Nitsanga zay ndra le fa tena antitsy aza ie, safe nidinihy hanahaky azy matoky namea azy fampanantena iny ie. [Fanamariha: Misy fanontanea mikasiky ty hoe ty finoa i Abrahakma iny sa ty finoa i Sahara ro nangitikitiky. "Tamy ty finoa i Sahara ndra le fa antitsy aza ie ro nahazoany ty hery hanan'anaky, ndra le fa tena antitsy aza ie handay aja, safe nihevitsy azy nanome azy fampanantena azy iny ho matoky."] ¹²Laha zay, baka amy lahilahy zay, ze fa ho faty, ro nahateha ze manahaky ty basia an-danitsy eny ty halakony noho hanahaky ty fasy mbamisisy ty riaky, ze tsy voahisaky. ¹³Tamy ty finoa iaby reny ao ro maty tsy nandramby fampanantena rey. Fa koa, tafara ty nahita noho nanaosalama androzy baka lavitsy eny, le nanenky ndrozy fa vahiny noho sesin-tany an-tany etoy. ¹⁴Ho ahy ze mivola manahaky raha zay rey le manazava fa mila tanindraza ndrozy. ¹⁵Laha nieritseritsy ty firenea ze nialany ndrozy, le mety nana fahafaha himpoly. ¹⁶Fa manahaky zay, naniry firenea soaso vatany ndrozy, ka le zay, azy an-danitsy any iny. Laha zay tsy mahamenatsy an-Janahary ty voakaiky hos Njanaharin-drozy, ka le nanoma tanà ho androzy Ie. ¹⁷Tamy ty finoa Abrahama, lafa nitsapa, le nanome an'Isaka. Io ro anakilahinytoka ze nameany, ie azy nahazo fampanantena rey. ¹⁸Tamy i Abrahama ro nivola hozao: "Amy ty alala Isaka ro hanondroa tarihanao rey." ¹⁹Abrahama ro nidiniky fa Njanahary ro hahavita hampitsanga an'Isaka amy maty rey, sady amy ty hevitsiny amy ty ohatsy. baka amin-drozy ro hahazoany azy ndraiky. ²⁰Tamy ty finoa mikasiky ty raha ho avy koa rey ro nitsipazy i Isaka rano an'i Jakoba noho Esao. ²¹Tamy ty finoa Jakoba, tany ie fa ho maty, ro nitsipi-rano anaky i Josefa rey kirai-draiky iaby. Nivavaky Jakoba, nitehy tany ty loha ty tehiny. ²²Tamy ty finoa Josefa, lafa nanenky ty fiasarany, ro niresaky ty fiala ty anak'Israely baka Egypta any sady nanafarany ty amy ty taolany. ²³Tamy ty finoa Mosesy, lafa teraky ie, le navony ray aman-dreniny rey tanay ty telo vola safe hitan-drozy fa aja soa ie. Tsy natahotsy ty lily ty mpanjaka ndrozy. ²⁴Tamy ty finoa Mosesy, tafara ty nahabevata azy, ro nandà ty hikaiha azy ho anakilahy ty anak'ampela i Farao. ²⁵Fa koa, nitingy ty hijaly iaraky tany ty olo lakon-Janahary ie, manahaky ze hankafy fahafinaretay ty fahota tanay ty fotoa tsy ampy rey. ²⁶Nivola ie hoe ty fanalam-baraka amy ty fanaraha an'i Kristy ro hanana bevata noho hanana i Egypta rey. Safe nampifantoky masony rey tany ty valisoany ie. ²⁷Tamy ty finoa ro niala i Mosesy ta Egypta any. Tsy natahotsy ty heloky ty mpanjaka ie, fa niaritsy zay manahaky ty nahitany azy tsy hita maso iny. ²⁸Tamy ty finoa ro niembenany ty Paska noho ty fandrarahe ty lio, mba tsy hikasiky ty anakilahy velohany Israelita rey ty mpandrava ty anakilahy velohany. ²⁹Tamy ty finoa ro nanapahan-drozy ty Riaky Mena manahaky ty mandia tany maiky. Lafa nanohatsy nanao zay Egyptiana rey, le voately ndrozy. ³⁰Tamy ty finoa ro nirobaha ty vala i Jeriko, lafa baka niodidy tanay ty fito andro ndrozy. ³¹Tamy ty finoa ro tsy nahafaty an'i Rahaba azy mpamaro-bata niaraky tany mpanisaky rey iny, safe nandramby mpisafo rey tany ty fiadana any ie. ³²Ino avao koa ro afaky volaniko? Fa ho lany ty fotoa laha miresaky mikasiky i Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, sady mikasiky olo to-resaky rey zao. ³³Tamy ty alala ty finoa ro nahazoan-drozy ty fanjaka, niasa ara-drariny, sady nandramby fampanantena rey. Nampikombo ty vava liona rey ndrozy, ³⁴namono ty hery ty afo, nilay ty lela ty meso-bey, afaky tany arety rey, nanjary nahery an'ady, sady nandresy tafiky vahiny rey. ³⁵Nitsanga tany maty tany ty fanangana ho velo ampela rey. Hafa rey ro nampijalie, tany ty tsy fanenkea ty famotora mba hahazoan-drozy fitsangana soa vatany. ³⁶Ty hafa ro nitsapa tany ty fangala noho famangoa rey, eka fa ndra ty fehy noho ty fanagadra aza. ³⁷Nitorahy-vato ndrozy. Nitapaha hizara roe ndrozy. Nivonoe tany ty meso bevata

ndrozy. Niriorio tamy ty angozin'aondry noho angozin'aosy ndrozy. Nahantsa ndrozy, nampangorohoro, nampijalea. [Fanamariha: ty dikan-tsafa ilany taloha ro mivaky hozao: "Nitorahy-vato ndrozy. Nitapaha hizara roe. Nampandalovy fitsapa. Nivonoe tamy ty meso bevata."]³⁸Tany iaby toy ro tsy maeva androzy. Niriorio tambaliky any, tamy vohitsy rey, tamy ty lava-bato any, sady tamy ty lavaky ambany ty tany any ndrozy.³⁹Nefa olo iaby reny ro nenken-Janahary noho tyv'finoan-drozy, tsy nandramby ty fampanantena ndrozy.⁴⁰Nanome raha soa vatany ho antsika Njanahary, mba tsy ho mety ndrozy, laha tsy misy antsika.

Chapter 12

¹Laha zay, safe tsika voabeko vavolombelo lako maré manahaky ty raho, le handeha tsika hanenga ty vesatsy iaby noho ty fahota mora miodidy antsika. Handeha tsika hilay am-pahareta ty filaisa ze napetsaky talohantsika eo.

²Handeha tsika hiemby amy i Jesosy, ty mpampiatomboky noho mpanantanteraky ty finoa. Fa noho ty hafalea ze napetsaky talohany eo, le niaritsy ty hazofijalea Ie, tsy niraharaha ty henatsy zay, sady nipetsaky tan-tanan'ankavana ty seza fipetsahan-Janahary eo. ³Laha zay eretsereto ty mikasiky Azy, azy raiky ze niaritsy fanohera manahzky zay baka amy mpanota hanohitsy ty vatany rey, mba tsy ho vozaky am-ponareo ao nareo ka le hanenky. ⁴Tsy mbo nanohitsy nareo ndra niezaky hanohitsy ty fahota zisiky amy ty fandatsahan-dio, ⁵sady halinonareo ty fampahereza ze nampianary anareo manahaky ty amy anaky rey hozao: "Anakilahiko, aza tsy mampisy dikany ty fitsipiky ty Tompo, ndra mihavozajy laha ahity nareo." ⁶Fa ty Tompo manasazy tyviaby ze teany, sady Ie manasazy ty anaky kirai-draiky ze rambesiny. ⁷Miareta fijalea manahaky ty fitsipiky. Njanahary ro manday anareo manahakyvty anaky. Fa anaky ino ro teo ka le tsy nisazia ty babany? ⁸Fa laha tsy mana fitsipiky nareo, ze anana ty olo iaby, le sary aja nareo fa tsy anany. ⁹Sady koa, nana ty raiky ara-nofotsy manahaky ty mpanasazy tsika, sady nanaja androzy tsika. Tsy tokony hanenky vatany ty Baba ty fanahy va tsika sady ho velo?

¹⁰Fa andaniny etoy, babantsika rey nanasazy antdika tanay ty andro tsy ampy manahaky ze marina tamin-drozy. ¹¹Nefa amy ty ilany rey, Njanahary nanao zay ho ahy ze soa ho antsika mba hafahantsika mana anjara mitsanga ho soaso, fa maharary aza. Nefa zay afara kelikely ro mamoha ty vokatsy atsiky fiadana ty fahamarina ho ahy ze nizariny tany zay. ¹²Laha zay ampaherezo tananareo ze mirambiraby noho ongonareo malemy rey. ¹³Mananova lala mahity ho ahy ty tombonareo, m a ze malemy ro tsy hiboaky fa ho afaky aza. ¹⁴Maniana fiadana miaraky amy ty olo iaby, sady ty fahamasina avao koa ze tsy hahita ndra ia ia ty Tompo laha tsy miaraky amy zay. ¹⁵Miembena mba tsy hisy ndra ia ndra ia tsy hana ty fahasovan-Janahary, sady tsy hisy fangala ty fangily mitombo hiteraky koronta, mba tsy ho lako ro hanjary voaloto amy zay. ¹⁶Miembena mba tsy hisy fijangajanga ndra olo tsy ahin-Janahary manahaky i Esao, ze namarotsy ty maha zoky azy ho ahy ty hany raiky. ¹⁷Fa nareo mahay fa lafa afaky zay, lafa naniry ty handova ty fitahia ie, le tsy nenkeny, safe tsy nahita ty fitahia ie, le tsy nenkeny, safe tsy nahita iraky amy ty fibebaha ie, ndra le naniry zay tamin-dranomaso aza. ¹⁸Fa nareo tsy avy tany ty vohitsy ze tsy azo kasihy eo, vohitsy ty afo mandoro, haike, faike, sady talio. ¹⁹Nareo ro tsy avy tany ty trompetsa maneno maré eo, ndra tany ty feo ze mivola safa eo rey zay ty mpijanjy zay le nangataky mba tsy hisy safa hafa hovolany amin-drozy. ²⁰Fa ndrozy tsy afaky niaritsy ze niodidy hozao: " Fa ndra le ty biby masiaky ty vohitsy aza, le tsy maintsy ho toraha-vata zay." [Fanamariha: Dikan-tsafa ilany taloha rey ro mivaky manahaky zao: ""Fa ndra le biby raijy ze masiaky ty vohitsy aza, le tsy maintsyho toraha-vato zay ndra ho vonoe amy ty ana-kititsy.""] ²¹Fa Mampatahotsy maré azy fahita ze nivolany i Mosesy hozao iny: "Mihorohoro zaho sady mangitikitiky" ²²Fa nareo koa, ro avy tany ty vohitsy Ziona eo sady tany ty tanàn-Janahary velo eo, ty Jerosalema an-danitsy any, sady tany anjely an'alin'aly rey eo tanybty fanjalaza. ²³Nareo ro avy tany ty antoko ty olo ty velohan-teraky eo, ze voasoratsy anara an-danotsy any. Nareo ro avy tamin-Janahary eo, azy Mpitsara ty iaby iny, sady tany fanahy olo ty fahamarina rey eo ze nanovy vita soa. ²⁴Nareo ro avy tany i Jesosy eo, azy mpana lala ty fanenkea vavao iny, sady tany ty lio latsaky ze soa vatany eo noho ty lio i Abela. ²⁵Engao nareo tsy handà azy raiky ze mivola iny. Fa laha tsy nilay ndrozy tamin-drozy nandà ty raiky ze nampiemby androzy tan-tany teto, le kelikely vatany ro hilaisantsika laha miodiky amy azy raiky ze mampiemby antsika iny baka an-danitsy any tsika. ²⁶Tany ty fotoa raiky, ty feo ty nanozongozona ty tany. Fa amy zao Ie nampanantena noho nivola hozao: "Mbo hanozongozo ndraiky tsy ty tany avao zaho, fa ty lanitsy avao koa." ²⁷Safa rey, "Indraiky avao koa", le midika ty famaloza raha ze afaky hozongozona rey, zay ro, raha ze nihare rey, mba hipetsaky raha ze tsy azo hozongozony rey. ²⁸Laha zay, safe mandramby fanjaka ze tsy azo hozongozony, le engao ho mpankasitsaky tsika sady amy fomba zay le hanompo an-Janahary am-panaja maré noho amin-tahotsy. ²⁹Fa ty Njanaharintsika ro afo mandrava.

Chapter 13

¹Engao hitohy ty fitiava ara-pirahilahia.² Ka manalino ty fampiantsanoa vahiny rey. Fa tamy ty alala zay, ro nanoroa ty ilany fampiantsanoa anjely rey nefa tsy hainy zay.³Tiarovo gadra rey, manahaky ty hoe niara-nifehy tamin-drozy nareo. Tiarovo ze nampijalea rey, manahaky ty hoe ndrozy avao koa nareo amy ty vata.⁴Engao ho haja ty kirai-draiky ty fanambalia. Engao ty firoeo ty fanambalia mba halio, fa Njanahary ro hitsara mpangalabalin'olo rey noho mpaheriloha.⁵Engao ty fandaisam-batanareo ho afaky amy ty fitiavan-jala. Mifalea amy raha ze hanananareo rey, safe Njanahary vatany ro nivola hoe: "Zaho ro tsy hiala anareo mihintsy, ndra hahafoy anareo vatany." ⁶Aleo tsika ho faly mba hahasaky hivola hozao: "Ty Tompo ro Mpamonjiko; ka le tsy hatahotsy zaho. Ino ro azo ty olo anovy amiko?"⁷Diniho mpotariky anareo rey, ze nibola ty Safan-Janahary taminareo rey, sady diniho ty vokatsy ty fihetsikin-drozy. Alao manahaky ty finoan-drozy.⁸Jesosy Kristy ro tsy miova nomaly, noho henanio, sady zisiky farany.⁹Ka manenky taomy amy karaza fampoanara hafahafa rey. Fa soa laha tokony hampaherezy amy ty fahasoava ty fo, fa tsy amy ty hany ze tsy manampy ze mandeha miarakany amin-drozy rey.¹⁰Tsika ro mana alitara ze tsy anana ze manompo ty tabernakely fahefa hihina rey. ¹¹Fa ty lio ty biby vonoe rey anovy fanomeza ho ahy ty ota le nandesy ty mpisorobey tamy ty toera masy eo, anay vatan-drozy le nioroa tambaliky ty tany any.¹²Laha zay Jesosy avao koa ro nijaly tambaliky ty vavahady ty tanà any, mba hanamasy olo lako amy ty alala ty liony manoka rey.¹³Ndao tsika laha zay ho Aminy ambaliky toby any, handay ty fahafahambarakany.¹⁴Fa tsy mana tanà ela tsika etoy. Fa koa, mandiny azy raiky ze ho avy tsika.¹⁵Amy ty alala ty, sady, le andao tsika hanome fanomeza-pidera rey ho ahin-Janahary zisiky any, fanompoa vokatsy ty sony ze manenky ty anarany.¹⁶Aleo tsy halinontsika ty manao ty soa noho manampy ty kirai-draiky iaby, fa amy ty fanomeza manahaky zay ro tena mahafaly an-Janahary.¹⁷Manenkea noho manenky mpitariky anareo rey, fa ndrozy ro miahy ty fanahinareo, manahaky ze hanao tatitsy rey. Manenkea mba hanao zay am-pifalea mpanday anareo rey, fa tsy am-pisempora, ze nanjary tsy misy dikany ho ahy nareo.¹⁸Mivavaha ho anay, fa zahay ro nino fa mana feo ty fieretsereta malio sady maniry hiay am-pahamarina ty raha iaby.¹⁹Manosiky anareo bevata vatany aza zaho mba hanao zay, ka le himpoly malaky aminareo zaho.²⁰Sady azy Njanahary ty fiadana iny, ze nampitsanga tamy maty azy mpiemby aondry bevata iny, ty Tompontosika Jesosy, tamy ty alala ty lio ty fanenkea zisiky farany,²¹le hanasoa anareo amy ty asa soa iaby mba hananova ty sitsapony. Ie lahy hiasa anaintsika ao ze tena ankasitsaha anilany eo, amy ty alala i Jesosy Kristy, ze hamea ty voninahitsy zisiky farany. Ameny.²²Sady mampahery anareo zaho, rahalahy, mba hizaka ty safa ty fampahereza ze nisoratiko boribory ho ahy nareo.²³Haizo fa nafaha Timoty rahalahintsika, ze hiaraky amiko hanenty anareo laha avy aloha ie.²⁴Anovo veloma mpitariky anareo iaby rey noho mpino iaby rey. Ze baka amy Italia any ro manao veloma nareo.²⁵Ho aminareo iaby lahy ty fahasoava.

James

Chapter 1

¹Jakoba, mpiasan-Janahary noho Tompo Jesosy Kristy, ho folo roa amby foko niparitaky: arahaba.²Rambeso ho fifalea iaby zay, rahalahy e, lafa azo-ndraha sambihafa nareo.³Hainareo fa ty fitsapa ty finoanareo ro mahavy fahareta.⁴Engao ty fahareta hahatanteraky ty asany, mba tena hivoatsy noho ty atsiky tanteraky nareo, ka le tsy hijaly ndra ino ndra ino.⁵Fa laha misy aminareo mila fahendrea, engao ie hangataky zay amin-Janahary, azy raiky ze manome an-tsitsapo noho tsy mandatsa ze iaby mangataky iny, sady ameanay azy zay.⁶Fa engao ie hangataky amy ty fino, tsy misalasala amin'ino ndra ino. Fa ze misalasala ro manahaky ty onjan-driaky ze andesy ty tsioky noho mitompatompa.⁷Fa olo zay ro tsy tokony hieritreritsy handramby ndra ino ndra ino baka amy ty Tompo.⁸Ty olo manahaky zay ro miroa say, misolosolo amy ty lalany iaby.⁹Engao ty rahalahy mijaly hanao ty fisondrota ho rengirenginy,¹⁰fa ty olo manan-kanana amy ty famonjeany, safe ie ro hidroboky manahaky ty voninakazo-li amy ty akata eny.¹¹Fa ty masoandro ro miboaky amy ty hafana mafana sady manamaiky ty akata. Ty voninkazo ro mihintsa, sady ty hasoany ro ho rava. Manahaky zay koa, ty olo manan-kanana ro halazo amy ty antasaky ty liany eny.¹²Sambatsy ty olo ze miaritsy fitsapa. Safe lafa baka nandalo fitsapa ie, le handramby ty satsoboninahitsy ty fiaina, ze nampanantena tamy ze tea an-Janahary rey.¹³Lafa misy halam-panahy le engao ie tsy hivola hozao: "Njanahary ro nangalaky fanahy ahy," safe Njanahary tsy azo ty raty ala fanahy, sady tsy mba mangalaky fanahy ndra ia ndra ia.¹⁴Fa samby alam-panahy amy ty faniriany manoka ty olo kirai-draiky, ze mampiemotsy noho mandresy azy.¹⁵Lafa baka torotoro ty faniria, le miteraky fahota zay. Sady lafa mitombo tanteraky ty ota, le miteraky fahafatesa.¹⁶Ka mety ho fitahy, rahalahy teako.¹⁷Ty fanomeza soa iaby noho ty fanomeza avy avao iaby ro baka anabo any. Zay ro mijotso baka amy ty Baba ty fahaza. Miarakany aminy le tsy

misy fiova ndra aloky noho ty fiodiha.¹⁸ Njanahary ro nitingy ty hanome fahateraha antsika amy ty safa ty fahamarina, mba ho karaza veloham-bokatsy raha iaby ze niforoniny tsika rey.¹⁹ Hainareo zay, rahalahy teako e: engao ty olo iaby halaky hijanjy, tsy hivola malaky, sady tsy halaky ho meloky.²⁰ Fa ty heloky ty olo ro tsy ahefa ty fahamarinan-Janahary.²¹ Ka le alao ty loto iaby noho ty haratia iaby. Amim-panetse-tena ro rambeso ty safa fa napetsaky, ze afaky mamonjy ty fanahinareo.²² Engao ho mpanenky ty safa nareo fa tsy mpijanjy amy zao avao, ka le mamitaky ty vatanareo.²³ Fa laha misy mpijanjy ty safa nefa tsy mpanenky, le manahzky ty olo ze maliniky ty tarehiny voajanahary anay fitaratsy ie.²⁴ Maliniky ty vatany ie ka le mandeha bakeo sady manalino direkita ty milasiky azy.²⁵ Fa ty olo ze maliniky soa ty lalà ty fahafaha avy avao, noho manohy manao zay, fa tsy hoe mpijanjy avao ze manalino, le ho tahie amy asa olo zay.²⁶ Laha misy midini-tena ho mpivavaky, nefa tsy mifehy ty lalany, le mamitaky ty fony ie, sady tsy misy viliny ty fivavahany.²⁷ Ty fivavaha malio noho tsy misy vandy alohan-Janaharika eo noho ty Babantsika le zao: hanampy kamboty rey noho mpandaivata amy ty fijalean-drozy rey, sady miaro ty vata mba tsy hisy vandy baka amy tsny iaby toy.

Chapter 2

¹Rahalahiko e, ka mitandraky ty finoa an'i Tompontosika Jesosy Kristy, Azy Tompo ty voninahitsy iny, amy ty fiangara amy ty olo ilany. ²Anovo hoe misy olo militsy amy ty fivoria ao manao peratsy volamena noho salotsy soa, sady misy lahilahy mijaly avao koa militsy manao salotsy maloto. ³Laha manenty olo misalotsy soa iny sady mivola hozao: "Azafady mipetsaha amy ty toefa soa eto," fa hivola amy azy lahilahy mijaly iny koa hozao: "Mitsangana iha raiky," ndra hozao: "Mipetsaha antomboko eto," ⁴moa tsy mifampitsara aminareo nareo? Moa tsy nanjary mpitsara amy ty eritseritsy-raty nareo? ⁵Mijanina, rahalahy teako e, tsy fa nitinginin-Janahary va ty mijaly ty tany iaby toy mba hompanan-kanana amy ty finoa noho mba ho mpandova ty fanjaka ze nampanantenany ze tea Azy rey? ⁶Fa nareo ro nangala-baraka ty mijaly! Moa tsy ty mpanan-kanana va ro mampijaly anareo? Moa tsy reyva mitariky anareo ho amy ty fitsarà eo? ⁷Moa tsy ndrozy va ro nanaraty ty anara soa ze anareo? ⁸Ndra zay aza, laha manantanteraky ty lalà ty mpanjaka nareo, manahaky ty Soratsy Masy hozao: "Tiavo ty namanao manahaky ty vatanao," le manao ty soa nareo. ⁹Fa laha manome sitsaky ty olo ilany koa nareo, le manota, ka le voaenga heloky manahaky ty mpandika lalà, ¹⁰Fa ndra ia ndra ia manenky ty lalà iaby, nefa lavo amy ty lala raiky avao, le ho meloky amy ty lalà iaby. ¹¹Fa azy nivola hozao iny: "Ka mahereloha," le nivola avao koa hozao: "Ka mamono olo." Laha tsy mahereloha nareo, nefa mamono olo, le hanjary mpandika lalà. ¹²Laha zay mivolana noho mananova manahaky ze ho tsara amy ty lalà ty fahafaha rey. ¹³Fa ty fitsarà ro niavy tsy misy famalozam-po amy ze tsy nanoro famalozam-po rey. Sady ty famalozam-po ro mandresy ty fitsarà. ¹⁴Ino ro soa, rahalahiko e, laha mivola ty olo raiky fa manam-pinoa ie, nefa tsy asa? Afaky hamonjy azy va finoa zay? ¹⁵Anovo hoe misy rahalahy ndra anabavy raty fisikina noho tsy ampy hany isan'andro. ¹⁶Anovo hoe misy raiky aminareo mivola amin-drozy hozao: "Mandeha am-piadana, mananova mafana sady mivintsina." Laha tsy manome androzy ty raha ilany ho ahy ty vata nareo, ino ro mahaso azy? ¹⁷Le manahaky zay koa ty finoa, laha tsy misy asa zay, le maty. ¹⁸Nefa mety misy olo mivola hozao: "Manam-pinoa iha, sady zaho manan'asa." Atoro ahy ty finoa tsy misy asa, le hatoroko anao koa ty finoako amy ty alala ty ty asako. ¹⁹Iha ro mino fa raiky avao koa ty Njanahary; soa anovinao zay. Fa ndra demonia rey aza mino zay, ka le mangitikitiky ndrozy. ²⁰Teanareo ho hay va, lahilahy adala, fa ty fino tsy misy asa ro tsy misy ila azy? [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ilany ro mamaky hozao: "Teanareo ho hay va, rahalahy adala, hoe nanino ty finoa tsy misy asa ro maty?"] ²¹Tsy tany ty asa koa va ro nanamarina an'i Abrahama babantsika lafa nanome an'Isaka anakilahiny tany ty alitara eo ie? ²²Hitanao fa ty finoa ro niasa niarakany tany ty asany, sady amy ty asa ro namarotsy tanteraky ty finoany. ²³Le tanteraky ty Soratsy Masy ze mivola hozao: "Abrahama nino an-Janahary, ka le nisaina taminy ho fahamarina zay," sady ie nikaihy hoe naman-Janahary. ²⁴Hitanareo zao fa amy ty asa ro hanamariha ty olo, fa tsy amy ty finoa avao. ²⁵Manahaky zay koa, Rahabe mpamaro-bata tsy nihamariny tany ty asa koa va ie, nefa nandramby hiraky rey noho nandefa androzy tany ty lala-hafa? ²⁶Fa maty ty vata laha misarakany amy ty fanahy, le hanahaky zay avao koa, ty finoa tsy misy asa ro maty.

Chapter 3

¹Tsy olo lako ro tokony hanjary mpampianatsy, rahalahiko e. Haintsika fa handramby fitsarà maré vatany tsika.

²Fa tsika iaby ro ho laginy amy ty fomba lako. Paha misy tsy laginy amy safa rey, le lahilahy matotsy tanteraky ie, afaky mifehy ndra le ty vatany raiky iaby aza. ³Sady laha asiantsika lamboridy amabava sovaly rey eo mba hanenkean-drozy antsika, le afaky manday ty vatan-drozy raiky iaby avao koa tsika. ⁴Hentao avao koa fa sambo rey, ndra le bevata vatany aza rozy reny sady andesy ty tsioky-mahery, le voavily ty familia vata ke5amy ze iaby tea ty mpamory any. ⁵Manahaky zay koa ty lela le rantsa kelikely amy ty vata, nefa ie ro mihambo raha lako. Hentao avao koa ka le ty haketikely ty afo ze mandoro ala bey. ⁶Ty lela avao koa ro afo, iaby ty fahota napetsaky tany tyrantsam-batantsika eo. Zay ro manisy handra ty vata raiky iaby sady mandoro ty lalampiy. Arehity ty heloky ty vatany. ⁷Fa ty karazam-bibi-li iaby, voro, biby milaly, sady raha-namboarian-driaky ro folaky sady nifolahy ty olombelo. ⁸Fa mikasiky ty lela, tsy misy olo mahavita mamolaky zay. Io ro raty tsy hay fehezy, atsiky poizy mahafaty. ⁹Amy io ro hanompoantsika ty Tompo noho ty Njanahary, sady amy io ro hanozonantsika olo, ze nanovy nitovy tamin-Janahary. ¹⁰Baka amy vava zay avao ro hiboaha ty fitahia noho fanozona. Rahalahiko e, tsy tokony hitsanga raha rey. ¹¹Moa ty loharano va mampiboaky rano mamy noho mangily baka amy ty fiboahany? ¹²Moa ty hazo ty aviavy va, rahalahiko e, mamoa oliva? Ndra ty voloboky, mamoa aviavy? Ty rano masira koa ro tsy afaky hanome rano mamy. ¹³Ia ro hendry noho mahay anivonareo eo? Engao olo zay hampitoro fiaina soa amy ty asany amy ty fanetsen-tena ty fahendrea. ¹⁴Fa laha mana fialona mangily nareo sady fanirian-daza am-ponareo ao, le ka mihambo ndra mavandy manohitsy ty marina. ¹⁵Zay ro tsy fahendrea ze nijotso baka anabo any. Fa koa, baka amy ty tany, ty tsy ara-panahy, ty demonia zay. ¹⁶Fa ty amy ze misy fialona noho fanirian-daza, le misy fifandrava noho fananova ty raty iaby. ¹⁷Fa ty fahendrea baka anabo any ro malio aloha, bakeo atsiky fiadana, malemy fanahy, mihevitsy ty hafa, atsiky famalozam-po noho vokatsy soa, tsy malemy, sady tsotsa. ¹⁸Ty vokatsy ty fahamarina ro voararaky am-piadana anivo ze mampilongo rey eo.

Chapter 4

¹Baka aia ro niavya aly noho fifamalea aminareo eo rey? Moa va tsy baka amy tyfanirianareo ze mialy amy ty mpiharo anivonareo eo rey? ²Maniry nareo, nefa tsy mana. Mamono noho maniry nareo, nefa tsy afaky ty hahazo. Mialy noho mifamaly nareo. Tsy mana nareo safe tsy mangataky. ³Mangataky nareo nefa tsy mahazo safe raty fangataha, mba hafahanareo mampiasa zay ho amy ty fanirianareo. ⁴Nareo Mpaheriloha! Moa tsy hainareo va fa ty finama amy tany iaby toy ro fandrafea manohitsy an-Janahary? Ka le ndra ia ndra ia te-ho nama tu tany iaby toy le manao ty vatany ho fahavalon-Janahary. ⁵Sa nareo va mieritseritsy fa ty Soratsy Masy ro mivola raha-avao hozao: "Ty Fanahy ze nanoviny niay tamintsika ao ro miavonavo maré"? ⁶Fa Njanahary manome fahasoava bevata bibike, laha zay le hoy ty soratsy amsy hozao: "Njanahary manohitsy ty mpirengirengy, fa manome fahasoava ty mpanetsy tena" ⁷Ka le manenky an-Janahary. Tohero ty devoly, le hilay anareo ie. ⁸Manarinia an-Janahary, le hanariny anareo ie. Divo ty tananareo, mpanota e, sady divo ty fonareo, mpiroa say e. ⁹Malahelova, misaona, sady mitania! Engao ty fihehezanareo somary fitania, sady ty fifaleanareo ho fanjorota. ¹⁰Manetse-tena anila ty Tompo eo, le hanondrotsy anareo Ie. ¹¹Ka mifanaraty nareo, rahalahy e. Ty olo ze manaraty ty rahalahy ndra mitsara ty rahalahiny ro manohitsy ty il sady mitsara ty lalà. Lafa mitsara ty lalà nareo, le tsy mpanenky ty lalà, fa mpitsara. ¹²Raiky avao ro manome lalà noho mitsara.. Ie azy raiky afaky mamonjy noho mandrava iny. Ia moa iha, ze mitsara ty namanao? ¹³Ka le mijanjina, nareo ze mivola hozao: "Henanikio ndra hamaray hilitsy amy tanà toy ato tsika, hijano tao raiky any, hanao varotsy, sady hangalaky tombony." ¹⁴Ia ro mahay ze hitsanga hamaray, sady ino ty fiainanareo? Fa zavona minoaky tsy ela tsy ela nareo sady baeo le raha. ¹⁵Fa koa, tokony hivola nareo uozao: "Laha sitsaky ty Tompo, le hovelô tsika sady hanao an'i aty ndra hanao aroy." ¹⁶Fa amy zao nareo le mirengirengy amy tetiky mieboebo rey Ty firengirengy iaby manahaky zay ro raty. ¹⁷Ka le an'i ze iaby mahay manao ty soa nefa tsy manao zay, le heloky ho azy zay.

Chapter 5

¹Avia, nareo ze manan-kanana, mitania noho midradradradrà noho fijalea avy aminareo rey. ²Ty hanananareo fa lo, sady ty fisikinareo fa lany ty kalalao. ³Ty volamenanareo noho ty volafotinareo ro fa heriky. Tyherikiny ro ho vavolombelo hahazo anareo. Handoro ty nofotsinareo manahaky ty afo zay. Nihajarinareo ty hanananareo ho amy ty andro farany rey. ⁴Ingo, ty karama mpiasa rey ro mitoreo _ty karama ze nitandrahanareo tsy ho ahy ze nampamokatsy ty baibonareo, sady fitoreva ty mpamboly ro fa avy an-tsofy ty Tompo ty lako any. ⁵Niay tamy ty hanana tan-tany eto nareo sady nanara-po tamy ty vatanareo. Natevezinareo ty fonareo ho ahy ty andro famonoa. ⁶Nanasazy noho nampno ty olo-marina nareo. Tsy nanohitsy anareo ie. ⁷Ka le mahareta, rahalahy e, zisiky-iavia ty Tompo. Ingo, ty mpamboly mandiny ty vokatsy sarotsy baka amy ty tany. Mandiny amim-pahareta zay ie, zisiky-ahazoa zay ty velohany noho ty fara-ora. ⁸Nareo, avao koa, mahareta. atanjaho ty fonareo, safe fa mariny ty fiavia ty Tompo. ⁹Ka mifampitoreo, rahalahy e, mba tsy ho tsara nareo. Ingo, ty mpitsara mitsanga am-baravara eo. ¹⁰Mangalà ohatsy, rahalahy e, baka amy ty fijalea noho fahareta olo to-resaky rey, ze nivola tamy ty anara ty Tompo rey. ¹¹Ingo, anovintsika manahaky ty sambatsy ze fa niaritsy rey. Fa renareo ty fiareta i Joba, sady hainareo ty tanjo ty Tompl, ty maha-atsiky alahelo noho famalozam-po Azy. ¹²Fa anabo iaby, rahalahiko e, ka miay, ndra amy ty lanitsy ndra amy ty tany, ndra amy ty fiaina hafa. Fa koa, engao ty safanareo hozao: "Eka" ho "Eka" sady ty "Aha"ho "Aha," mba tsy hilitany amy ty fitsara nareo. ¹³Misy olo va aminareo eo mijaly amy fy aly soratsy? Engao ie hivavaky. Misy olo faly va? Engao ie hihira fanompoa. ¹⁴Misy marary va anivonareo eo? Engao ie hikaiky ty olo-bey ty egilizy, sady engao ndrozy hivavaky ho azy. Enago ndrozy hanosotsy menaky azy amy ty anara ty Tompo. ¹⁵Ty fivavaky ty finoa ro hanafaky azy olo marary iny, sady ty Tompo hampitsanga azy. Laha nanota ie, le hanenga azy Njanahary. ¹⁶Ka le mifananky heloky nareo, sady mifam-pivavaha, mba ho afaky nareo. Ty vavaky anovy ty olo-marina ro tena matanjaky amy ty fiasany. ¹⁷Elia ro lahilahy nitovy tamintsika avao. Nivavaky maré ie mba tsy hilatsaha ty ranon'ora, sady tsy nilatsaky tamy ty tany anay ty telo tao noho enim-bola zay. ¹⁸Bakeo nivavaky ndraiky Elia. Ty lanitsy ro nanome ranon'ora, sady ty tany namoa ty vokany. ¹⁹Rahalahiko, laha misy aminareo miala amy ty fahamarina eo, sady misy raiky mampimpoly, ²⁰le tokony ho hay olo io fa ndra ia ndra mangalaky ty mpanota raiky amy ty lala-diso le hamonjy azy amy ty fahafatesa, sady hampisaro fahota lako maré.

1 Peter

Chapter 1

¹Petera, apostoly i Jesosy Kristy, ho ayy ty anaky am-pieleza, ze voatingy rey, mameno an'iPonto, Galatia, Kapadokia, Asia, sady Bitynia. ²Zay ro manahaky ty hain-Janahary Ray aloha, voatoka ty Fanahy ho fanenkea noho ho fandrarahe ty lio i Jesosy Kristy. Ho aminareo lahy ty fahasoava, sady hitombo lahy ty fiadanana. ³Ho tahie lahy Njanahary noho Baba i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamy ty famalozam-pony, ro nanomezany antsika fahateta vaovao ho ahy ty fatokusa ty lova. Lova zay ro tamy ty alala ty fitsangana i Jesosy Kristy tamy maty. ⁴Zay le ho ahy ty lova ze tsy ho maty, tsy ho simba, sady tsy ho rava. Zay ro voatoka ho ahy nareo an-danitsy any. ⁵Nareo ro arova ty herin-Janahary amy ty alala ty finoa, ho ahy ty famonjea ze fa vonona hambara amy ty fotoa farany. ⁶Tena falifaly mikasiky zay nareo, ndra ro nareo aza ty hahatiaro malahelo amy ty olo lako samby hafa amy zao. ⁷Zay ro ho ahy ty fanaporofoa ty finoanareo, ze sarotsy vatany noho ty volamena ze simba, ndra le nisazý tamy ty afo aza. miboaky zay mba ho hita ty vokatsy ty finoanareo amy ty fanompoa, voninahitsy, sady haja amy ty hiboaha i Jesosy Kristy. ⁸Tsy nahita Azy nareo, nefa tea Azy. Tsy mahita azy nareo amy zao, nefa mino Azy sady tena faly amy ty fifalea soaso, tsy hay volany. ⁹Rambesonareo amy zao ty finoanareo, le ty famonjea ty fanahianareo. ¹⁰Olo to-resaky rey ro nila noho nanontany soa ty mikasiky famonjea zay, ty mikasiky ty fahasoava ze ho ahy nareo. ¹¹Ndrozy ro nila ty hahaza ty mikasiky ty hoe ia noho ombia ty Fanahy i Kristy amin-ddrozy ao ro nivola tamin-drozy. Zay ro nitsangana manahaky ty nivolaniny androzy aloha mikasiky ty fijalea i Kristy noho ty voninahitsy manoriky zay rey. ¹²Nambara tamin-drozy zay mba tsy hanompo ty vatany ndrozy, fa nareo, lafa nivola raha ze voavola rey taminareo amy zao ndrozy tamy ty alahelo ze nitory ty filazantsara taminareo tamy ty alala ty Fanahy Masy nalefa baka an-Danitsy--any raha ze tea ty anjely ho hay rey. ¹³Laha zay hamono ty sainareo. Miareta. Mametsaha fatokisa amy ty fahasoava ze handesy aminareo eo amy ty hiboaha i Jesosy Kristy. ¹⁴Amy ty maha-anaky mpankatò, ka mampifanaraky ty vatanareo amy ty faniria ze norihinareo tamy ty mbo tsy nahay nareo. ¹⁵Fa manahaky azy raiky ze nikaiky anareo hoe masy, nareo, avao koa, engao ho masy amy ty fandaism-batanareo iaby. ¹⁶Fa voasoratsy hozao: "Enga anie ho masy, safe masy Zaho." ¹⁷Ka laha mikaiky azy raiky ze

mitsara tsy misy fanavakavaha manahaky ty asan'olo kirai-draiky iaby hozao iny: "Ray" nareo, ro handany ty fotoan'andronareo amy ty fanoroa fanaja.¹⁸ Hainareo fa tsy baka amy ty volafoty ndra volame mety mety rava ro nanavota anareo tamy ty fandaisam-bata adala ze nianaranareo tamy ty razanareo rey.¹⁹ Fa koa, navota tamy ty ljo sarotsy i Kristy nareo, ze manahaky ty anak'aondry tsy misy hanja ndra tsiny.²⁰ Voatingy taloha ty nampitsanganaty tany iaby toy Kristy, fa amy zao le tamy fotoa farany rey ro nanambarà Azy taminareo.²¹ Amy ty alalany ro hinoanareo an-Janahary, ze nampitsanga azy tamy maty noho tamy nameany voninahitsy mba ho amin-Janahary ty finoa noho fatokisanareo rey.²² Nanalio ty fanahinareo tamy ty fankatoava ty fahamarina nareo. Zay ro ho ahy ty fitiava ara-pilongoa maio; noho zay mifankatiava maré amy ty fo. [Fanamariha: Dikan-tsafa ilany rey ro mivaky hozao: "Nanalio ty fanahinareo tamy ty fankatoava ty fahamarina tamy ty alala ty Fanahy nareo"]²³ Nateraky ndraiky nareo, tsy baka amy ty voa mety maty, fa baka amy ty voa tsy mety maty, amy ty alala ty safan-Janahary velo noho mipetsaky.²⁴ Fa "ty nofotsy iaby ro manahaky ty akata, sady ty voninahitsy iaby ro manahaky ty folera. ty alata. Maiky ty akata, sady malazo ty folera,²⁵ fa ty safa ty Tompo ro mipetsaky zisiky farany." Zay ty vaovao mahafaly ze nambara taminareo.

Chapter 2

¹Laha zay arivo ty raty iaby, ty fahadisoam-panantena iaby, ty fihatsaram-belatsihy, ty faniria, sady ty fanendrekendrehia iaby. ²Manahaky ty aja vo teraky, maniry ronono ara-panahy malio, mba hafahanareo mitombo amy ty famonjea amy ty alala zay ao, ³laha nahatsapa nareo fa soa fanahy ty Tompo. ⁴Mamonjea azy vato velo ze naria ty olo iny, fa voatingin-Janahary ho manan-danja Aminy. ⁵Nareo avao koa ro manahaky vato velo ze vita voatsy ho tsano ara-panahy rey, mba ho mpisoro masy ze manome ty soro ara-panahy eken-Janahary amy ty alala i Jesosy Kristy. ⁶Ty Soratsy Masy ro ahita zao: "Ingo, Zahay mipetsaky amy ty Ziona vato fehizoro, voatingy noho manan-danja. Ze iaby mino azy ro tsy ho menatsy." ⁷Ty voninahitsy noho zay ro ho hanao ze mino. Nefa, "ty vato naria mpamboatsy tsano rey, zay ro niavy aloha ty fehizoro"- ⁸sady, vato mampeloky noho kafiambato mahalavo. Neloky ndrozy, tsy nanenky ty safa, ze voatoka ho androzy avao koa. ⁹Fa iha ro olo-voatingy, mpisoro ty mpanjaka, firenea masy, olo ho ahy ty fananan-Janahary, mba ho afaky hanambara ty hasoa asa azy raiky ze nikaiky anao baka amy ty haiky iny ao rey hana amy ty hazavany mahajilo iha ao. ¹⁰Taloha iha tsy olo, nefa amy zao iha le olon-Janahary. Tsy nandramby famalozam-po iha, fa amy zao iha nandramby famalozam-po. ¹¹Malala, mikaiha anareo manahaky ty vahiny noho mpiriorio zaho mba hifaly ty filà ty nofotsy, ze mahavy aly manohitsy ty fanahinareo. ¹²Tokony mana fandaisam-bata soa nareo amy Jentilisa rey eo, mba ho, laha miresaky mikasiky anareo ho nanao raha raty ndrozy, le tokony hahita asa soanareo rey noho hankalaza an-Janahary amy ty andro ze hiavianay. ¹³Enkeno ty fahefa ty olombelo iaby noho ty amy ty Tompo. Enkeno manahaky ty anabo bibike ty mpanjaka, ¹⁴noho governora rey avao koa, ze nalefa mba hanasazy mpanao raty rey noho hankalaza ze manao ty roa rey. ¹⁵Fa zay ro sitsapon-Janahary, amy ty fananova ty soa anareo le mampavandy ty resaky tsy malala fomba ty olo adala. ¹⁶Manahaky ty maha-olon'afaky, aza ampiasa hanahaky ty fanarona fahalemea ty fahafahanareo, fa engao hanahaky ty mpiasan-Janahary. ¹⁷Ameo voninahitsy ty olo-iaby. Tiavo ty firahalahia. Matahora an-Janahary. Ameo voninahitsy ty mpanjaka. ¹⁸Mpiasa, meteza hanenky ty tomponareo amy ty fanaja iaby. Ka manenky ho mpiasa ty soa noho ho tompo soa fanahy, fa ho ahy ty raty toetsy avao koa. ¹⁹Safe maeva-tompoe zay laha misy miaritsy faharary lafa mijaly amy ty tsy rariny noho ty fanantenany an-Janahary. ²⁰Fa hotsino ty jala laha manonta nareo sady miaritsy anay ty fanasazia anao bakeo? Fa laha nanao ty soa iha sady miaritsy anay ty fanasazia anao, le maeva-tompoe amin-Janahary zay. ²¹Fa noho toy ro nikaiha anao, safe Kristy avao koa ro nijaly ho ahy anao. Nanenga ohatsy ho ahy nao le mba hanaraha lalany rey. ²²Tsy nanota Ie, ndra hoe nisy fitaky tam-bavany eo. ²³Lafa nivolany raty Ie, le tsy mba bamaly raty. Lafa nijaly Ie, le tsy nandraho, fa nanome ty safany tamy azy raiky ze Mpitsara ampahamarina iny. ²⁴vatany ro nanday fahotantsika rey tajy ty vatany ho anabo hazo eo, mba tsy hana anjara amy ty fahota sasy tsika, sady mba hiay ho ahy ty fahamarina. Tamy ty alala ty fandratsiny ro naha afaky anareo. ²⁵Niriorio manahaky ty aondry tsobo nareo iaby, fa amy zao nareo nimpoly tamy ty mpiemby aondry noho mpiemby ty fanahinareo.

Chapter 3

¹Amy fomba zay, Nareo ampela ro tokony hanenky ty valinareo. Anovo zay ndra ro misy lahilahy lako aza tsy manenky ty safa, sady mety ho azo ndrozy ndra tsy misy aza ty safa, amy ty alala ty fandaisam-bata ty valindrozy. ²Fa ndrozy ro hahita ty fandaisam-bata maeva am-panaja. ³Engao zay ho tanteraky tsy miaraky amy pozy ambaliky rey: randram-bolo, rojo volamena, ndra siky malaza. ⁴Fa koa, engao zay ho tanteraky miaraky amy ze am-po ty olo ao, noho ty hasoa ela ty fanahy soa noho tsy ré, ze sarotsy anilan-Janahary eo. ⁵Fa ampela masy taloha rey ro nandravaky ty vatan-drozy manahaky zay. Nana fatokisa an-Janahary ndrozy sady nanenky ty viliny iaby. ⁶Manahaky fomba zay ro nanenkea i Abrahama an'i Saraha noho nikaihany azy ho tompony. Nareo ro anany amy zao laha manao ze soa noho tsy matahotsy olo nareo. ⁷Manahaky zay avao, nareo lahilahy ro tokony miay miaraky amy ty valinareo manahaky ty fahazavan-tsay, manahaky ty enta malemy vatany, ty ampela. Tokony ameanareo voninahitsy ndrozy manahaky ty mpiara-mandova ty fanomeza ty fiaina. Anovo zay mba tsy ho voasaka ty vavakinareo. ⁸Farany, nareo iaby, engao hiharo say, hangoraky, hifankatea manahaky ty mpirahalaky, ho tso-po, sady hanetsi-tena. ⁹Ka mamaly raty ty raty ndra manivativa ty mpanivativa. Mifanohitsy amy zay aza, mitahia zisiky any, fa laha zay ro nikaiha anareo, mba hahazanareo mandova ty fitahia. ¹⁰"Azy raiky ze te hankafy ty fiaina noho te hahita andro soa ro tokony hampijano ty lelany amy ty rary noho soniny amy ty fivolana fitaky. ¹¹Engao ie hiala amy ty anovy hoe raty sady hanao ze soa. Engao ie hila fiadana noho hitaky zay. ¹²Ty maso ty Tompo mahita ty marina, sady ty sofiny maharé fangatahan-drozy rey. Fa ty tarehy ty Tompo ro manohitsy ze manao raty rey." ¹³Ze azy raiky ze hamango anareo laha maniry ty hanao ty soa nareo? ¹⁴Nefa laha mijaly noho ty fahamarina nareo, le sambatsy. Ka matahotsy ze hatahoran-drozy. Ka mangorohoro. ¹⁵Fa koa, atokano manahaky ty masy am-ponareo ao azy Tompo Kristy iny. Mivonona zisiky hamaly ty olo iaby ze manontany anareo any ty antony hatokisanareo an-Janahary. Anovo amy ty halemem-panahy noho fanaja zay. ¹⁶Manàna feo ty fieretsereta malio mba ty olo ze manivativa ty fiaina soanareo amy i Kristy ao le mety menatsy safe mivola manohitsy anareo ndrozy manahaky ty hoe mpanao raty nareo. ¹⁷Soa vatany, laha Njanahary ro maniry, fa mijaly nareo amy ty fananova ty soa noho ty fananova ty raty. ¹⁸Fa nijaly noho ty fahota avao koa i Kristy. Ie ze marina ro nijaly ho antsika, ze tsy marina, mba handaisany antsika amin-Janahary eo. Nivonony tamy ty nofotsy Ie, fa nivelomy ty Fanahy. ¹⁹Tamy ty alala ty Fanahy, le nandeha ie sady nitory ho ahy ty fanahy ze an-gadra any amy zao. Tsy nanenky ndrozy lafa nandiny ty faharetan-Janahary ²⁰tamy ty aondry i Noa, tamy ty andro ty fanangana sambofiondrana, sady Njanahary namonjy olo vitsy _ fanahy valo _ tamy ty rano. ²¹Zay ro famantara ty batisa ze mamonjy anareo amy zao_tsy manahaky ty fanaliova ty loto amy ty vata, fa manahaky ty kaiky ty deo ty fieretsereta ho amin-Janahary_tamy ty alala ty fitsangana i Jesosy Kristy tamy maty. ²²Kristy ro antana ankavanan-Janahary eo. Niakatsy an-danitsy any ie. Anjely rey, manam-pahefa rey, sady ty hery ro tsy maintsy manenky Azy.

Chapter 4

¹Laha zay, safe nijaly tamy ty nofotsy i Kristy, le anovo fialia ty vatanareo raha tsatsary zay. Fa ze raha nijaly tamy ty nofotsy ro nijano tamy ty fahota. ²Vokatsy zay, ty olo manahaky zay, anay ty fotoa susa hiainany, le tsy hiay ho ahy ty faniria ty olo sasy, fa ho ahy ty sitsapon-Janahary. ³Fa ampu ze ty fotoa fa ela nananova ze tea ty Jentilisa anovy- hafalea ty nofotsy, fijejohejoa, fimamoa, fandaisam-bata mahamenatsy, fisà-raty, sady asa ty fanompoan-tsampy mampangoritsy rey. ⁴Dinihin-drozy fa hafahafa safe tsy miharo amin-drozy amy fanaranam-po bey rey zay nareo, noho zay le hivola raty mikasiky anareo ndrozy. ⁵Hamaly ty raiky ze vonona hotsara ty velo noho ty maty ndrozy. ⁶Laha antony zay ro nitoria ty vaoavao mahafaly tamy maty avao koa rey, mba, ndra le nitsarà tamy ty nofotsy manahaky ty olo aza ndrozy, le hiay manahaky an-Janahary amy ty fanahy ao. ⁷Manariny ty fara ty raha iaby. Laha zay tonga say, sady mampoeny ty vatany amy ty eritseritsy ho ahy ty fitiavam-bavaky. ⁸Anabo ty raha iaby, mana fitiava atsiky ho ahy ty kirai-draiky iaby, fa ty fitiava mandrakotsy fahota lako. ⁹Mifampilira tsano tsy am-pitoreva. ¹⁰Fa ty kirai-draiky aminareo ro nandramby fanomezam-pahasoava, ampiasao hifanompoa zay. Mananova zay manahaky ty mpitanjaky raharaha ty fanomezam-pahasoava lako amy zao an-Janahary. ¹¹Laha misy mivola, engao ie hanao zay manahaky ty raiky mivola ty safan-Janahary. Laha misy manompo, engao zay ho baka amy ty hery ze vatsian-Janahary. Mananova raha rey mba hameam-boninahitsy amy ty alala i Jesosy Kristy amy ty fomba iaby Njanahary. Engao ho ahy Jesosy Kristy ty voninahitsy noho hery zisiky farany maré. Ameny. ¹²Malala, ka rambesy ho hafahafa ty fitsapa amy ty afo ze nitsanga taminareo, manahaky ty hoe nisy raha hafahafa niseho taminareo. ¹³Fa koa, ndra lako aza ty hiainanareo fijalea i Kristy rey, mifalea, mba ho afaky hifaly avao koa nareo sady ho falifaly amy ty fanambara ty voninahitsy. ¹⁴Laha nitivativa noho ty anara i Kristy nareo, le voatahy, safe ty Fanahy ty voninahitsy noho ty Fanahin-Janahary ro mipetsaky aminareo ao. ¹⁵Fa engao tsy hisy ndra ia ndra ia aminareo hijaly manahaky ty mpamono olo, mpangalatsy, mpanao raty, ndra mpiraharaha ty ahy ty hafa. ¹⁶Fa laha misy mijaly fa Kristiana, engao ie tsy ho menatsy; fa koa, engao hanome voninahitsy an-Janahary amy anara zay ie. ¹⁷Fa fotoa zao hanomboha ty fitsara miaraky amy ty longon-Janahary. Laha manomboky amintsika zay, ino ro ho vokatsy ho ahy zqe tsy manenky ty filazantsaran-Janahary rey? ¹⁸Sady laha "ty olo-marina aza ila tsy ho voasarombaky, amy ty fomba ino ro hiboaha ty olo tsy an-Janahary noho ty mpanota?" ¹⁹Laha zay engao ze mijaly noho ty sitsapon-Janahary rey hiankina ty fanahin-drozy amy ty Mpamoro matoky amy ty fananovan-tsoa.

Chapter 5

¹Mananatsy olo-bey rey aminareo zaho, zaho, ze olo-bey nama. Zaho avao koa ro vavolombelo fijalea i Kristy rey, sady avao koa mpiharo amy ty voninahitsy ze fa haboaky ao. ²Laha zay, mananatsy anareo zaho, olo-bey, andraso ty aondrin-Janahary ze aminareo eo. Oriho maso ndrozy rey, tsy amy ty faha afitsy, fa amy ty sitsaponareo, manahaky ty sitsapon-Janahary. Oriho maso ndrozy rey, tsy amy ty vola maloto, fa an-tsitsapo. ³Ka manjakazaka amy ty olo ze embenanareo. Fa koa, engao ho titaratsy ho ahy ty aondry. ⁴Sady lafa miboaky azy Loha ty mpiemby aondry iny ro hahazo satso-boninahitsy tsy mety simba nareo. ⁵Manahaky zay koa, nareo tanora fanahy, manenkea ty olo-bey. Nareo iaby, ampisikino fanetsem-bata ty vatanareo sady mifanompoa. Fa Njanahary manohitsy ty mpihareha, fa manome fahasoava ty mpanenty vata. ⁶Laha zay manetsim-bata ambany ty tanamaherin-Janahary eo mba hanondrotany anareo amy fotoa zay. ⁷Apetsaho aminy ty fanahianareo eo iaby, safe le ro maniry anareo. ⁸Mahonom-bata, miambena. Ty fahavalonareo, ro ty devoly, miodiky manahaky ty liona mierotsy, mila ze olo ho haniny. ⁹Manohera azy. Mipetsaha amy ty finoanareo. Hainareo fa fijalea zay ro mahazo ty firaisa mpino mameno ty tany iaby toy avao koa. ¹⁰Lafa baka nijaly tanay ty fotoa tsy ampy nareo, ty Njanahary ty fahasoava iaby, ze nikaiky anareo ho amy ty voninahitsy zisiky farany amy i Kristy ao, le hahatanteraky anareo, hampitsanga anareo, sady hampahery anareo. ¹¹Ho Azy lahy ty fanjaka zisiky farany zisiky farany. Ameny¹²Rambesiko manahaky ty rahalahy matoky i Silasy, sady nanoratsy safka boribory ho ahy nareo tamy ty alalany zaho. Mananatsy anareo zaho sady manambara anareo fa ze nisoratiko ro fahasoava marin-Janahary. Mitsangana amy zay. ¹³Ty ampela ze a-Babylona any, ze voatungy niaraky taminareo, manao veloma anareo. Sady koa i Marka, anakilahiko, manao veloma anareo. ¹⁴Mifanova veloma amy tyfanoroham-pitiava. Ho aminareo iaby lahy ty fiadana ze amy Kristy ao.

2 Peter

Chapter 1

¹Simona Petera, mpiasa noho apostoly i Jesosy Kristy, ho ahy ze nahazo ty finoa amy ty fahamarina ty Njanaharintsika ao noho Jesosy Kristy Mpamonjy. ²Hampitomboe lahy ty fahasoava noho fiadana noho ty fahaiza An-Janahary noho Jesosy Tompontsika. ³Raha iaby mikasiky rey ty herin-Janahary ho ahy ty fiaina noho toe-oanahy ro namea antsika tamy ty alala ty fahaiza an-Janahary, ze nikaiky antsika tamy ty alala ty voninahiny noho ty hasoany manoka. ⁴Tamy ty alala rey, nameany safa fikasa soa sady bevata bibiky tsika, mba ho avy mpizara amy ty fomban-Janahary nareo, laha miala ty fahalotoa ze an-tany eto noho filàn-draty. ⁵Laha zay, mananova ty soa bibike mba hanampea hasoa amy ty alala ty finoanareo, sady amy ty alala ty hasoanareo, ty fahaiza. ⁶Amy ty alala ty fahaizanareo, manamoea fahononam-po, sady amy ty alala ty fahononam-ponareo, manampea fiareta, sady amy ty alala ty fiaretanareo, manampea toe-panahy. ⁷Amy ty alala ty toe-panahinareo, manampea fitiava rahalahy, sady amy ty alala ty fitiava rahalahy, manampea fitiava. ⁸Laha aminareo ao sady mitombo aminareo ao, le tsy hamoa ndra tsy hamokatsy amy ty fahaiza an'i Jesosy Kristy Tompontsika nareo. ⁹Fa ndra ia ndra ia tsy ampy raha rey le tsy mahita hafa-tsy ze marina; jiky ie. Nihalinony ty fanaliova azy tamy fahotany taloha rey. ¹⁰Laha zay, rahalahy, anovo ty iaby mba hahazoa antoky ty fikaiha noho ty fitingina anare. Laha manao raha rey nareo, le tsy ho voafinga. ¹¹Amy zay le malalaky ho ahy nareo ty filora amy ty fanjaka ao zisiky farany ze ahy ty Tompontsika noho Jesosy Kristy mpamonjy. ¹²Laha zay le vonona avao zaho hampahatiaro anareo raha rey, ndra le hainareo aza rey, sady ndra le matanjaky amy ty marina ao aza nareo amy zao. ¹³Zaho mieritseritsy fa rariny amiko ty mamoha anareo amy ty fampahatiarova raha rey, laha mbo any tsano-lay toy eto zaho. ¹⁴Safe haiko fa tsy ho ela le ho alako ty tsano-laiko, manahaky ze naboaky i Jesosy Kristy Tompontsika ahy. ¹⁵Sady hanoviko ze farany vitako mba hahatiarovanareo zisiky farany raha rey lafa mandeha zaho. ¹⁶Fa zahay ro tsy nanaraky angano soa pitiky ze niforony lafa niresaky taminareo ty mikasiky ty hery noho ty niboaha i Jesosy Kristy Tompontsika. Fa koa, zahay le vavolombelo nahita ty fipetsahany. ¹⁷Fa le ro nahary laza noho voninahitsy baka amin-Janahary Ray lafa nisy feo avy Aminy eo tamy azy voninahitsy bevata bibike iny hozao: "Toy ro Anako malalako, ze sitsako bibike." ¹⁸Nahare feo zay baka an-danitsy any zay zahay, lafa niaraky taminy tam-bohitsy masy eny. ¹⁹Tsika ro mana safa faminania ze fa nanovy mahery toy. Tokony hiemby zay soa nareo. Zay ro manahaky ty jiro mazava anay ty haiky zisiky-piavia ty marina ao noho ty basia ty marina miboaky am-ponareo ao. ²⁰Haizo aloha zao, fa tsy misy faminania baka amy ty famoahan-kevitsy ty olo. ²¹Fa tsy misy faminania baka amy ty sitsapo ty olo. Fa koa, nitarihy ty Fanahy Masy ndrozy reny mba hivola ze nitondroen-Janahary.

Chapter 2

¹Ty olo to-resaky sandoky ro avy tany ty olo, sady ty olo to-resaky sandoky avao koa ro ho avy ambinareo eo. Handay milamy sain-diso manorotoro androzy, say handà ty Tompo ze nivily androzy. Ndrozy ro manday fahatorotoroa malaky amin-drozy. ²Lako ro hanaraky ty fijejojejoan-drozy, sady amy ty alala reny ro hivolana-raty ty lala ty fahamarina. ³Amy ty fiarena ro hanararaotany anareo miaraky amy ty safa mamitaky. Tsy ho ela ty fanasazia an-drozy reny; tsy miroro ty fahatorotoroan-drozy reny. ⁴Fa Njanahary tsy namalo fo anjely ze nanota rey. Fa koa nameany ho amy ty valany tany ndrozy mba ho voatandraky amy fy gadra ty fahamarina zisiky-iavia ty fitsarà. (Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ilany ro mivaky manahaky zao: "Mba ho fehezy amy ty lavaky ao ty faike zisiky-iavia ty fitsarà.") ⁵Sady avao koa, tsy nanenga tany iaby taloha toy Ie. Fa koa, namonjy an'i Noah, ze mpitory ty fahamarina, miaraky amy ty fito hafa, lafa nanday ty safo-drano tany ty raty fanahy tany ty tany iaby toy teto ie. ⁶Njanahary avao koa ro nanao tanà i Sodoma noho Gomora rey ho rava sady nanasazy androzy ho amy ty fahatoroa, hanahaky ty ohatsy amy hitsanga amy ty raty fanahy zay. ⁷Fa i Lota marina, ze nampijalea tany ty fandaisam-bata olo tsy ara-dalà tany ty fijejojejoa rey, le nivonjen-Janahary. ⁸Fa lahilahy marina zay, ze niay niaraky tamin-drozy isan'andro, le nijaly tany ty fanahy ty fahamarinany noho ze hitany noho reny. ⁹Hainy ty Tompo ty fomba hamonjea olo soa fanahy amy fitsapa rey, noho ty fomba hitandraha olo tsy marina ho amy ty fanasazia amy ty andro fy fitsarà rey. ¹⁰Marina bibiky zay ho ahy ze manohy amy ty faniria raty ty nofotsy noho manao tsy misy dikany ty fahefa rey. Sahy noho mitombo safa maré ndrozy. Ndrozy ro tsy matahotsy hivola raty bey voninahitsy rey. ¹¹Anjely rey ro mana hery noho fahefa bevata, fa ndrozy ro tsy manday fitsarà mandratiraty manohitsy androzy amy ty Tompo. ¹²Fa biby tsy manan-tsiny rey ro nanovy ho sambory noho toroe. Tsy hain-drozy ze rasarasan-drozy. Ho toro ndrozy. ¹³Handramby ty valisoa ty raha raty nanovy ndrozy. Mieritseritsy ndrozy fa ty tsy fiasia anay ty andro le fahafinareta. Ndrozy ro bey tepotepo noho tsiny. Soaso amin-ndrozy ty asa famitahan-drozy lafa mihina miaraky aminareo. (Fahamarina: Dikan-tsafa ilany rey ro mivaky manahaky zao: "Soaso amin-drozy ty asan-drozy lafa mihina miaraky aminareo amy ty hanim-pifankatea.") ¹⁴Adalan'ampela mahery loha ndrozy; tsy afa-po amy ty fahota mihintsy ndrozy. Mitariky fanahy tsy mety maty ho amy ty fananova-raty ndrozy, sady mana fo voaofa amy ty faniria androzy. Anaky ty fanozona rozy reny! ¹⁵Niala tany ty lala-mahity ndrozy. Nanjary nivio ndrozy, sady nanaraky ty lala i Balama anaky i Beora, ze tea ty tamby ty tsy fahamarina. (Fanamariha: Dikan-tsafa ilany rey ro mivaky manahaky zao: "Balama, anaky i Bosora.") ¹⁶Fa nahazo safa mahery ie noho ty fandikan-dalà manoka. Nisy boriky moa nivola tany ty feon'olombelo nampijano ty adala azy olo to-resaky iny. ¹⁷Olo rey ro manahaky ty lohatao tsy misy ora. Manahaky ty raho andesy ty talio ndrozy. Natoka ho androzy ty haiky matevy. Mivola tsy am-pihevera ndrozy. ¹⁸Mitao ty olo amy ty alala ty filà ty nofotsy ndrozy. Ndrozy ro mitao ty olo ze miezaky milay rey ze miay amy ty fahadisoa. ¹⁹Ndrozy ro mampanantena fahafaha ho androzy, nefa ie vatany sady le andevo ty fahalotoa. Fa ty olo ro andevo ze iaby maharesy azy. ²⁰Ndra ia ndra ia afaky amy falotoa ty tany iaby toy rey amy ty alala ty fahaiza ty Tompo noho Jesosy Kristy Mpamonjy, sady bakeo mimpoly amy fahalotoa ndraiky rey, le hanjary raty noho azy toe-draha velohany iny azy toe-draha farany iny. ²¹Soa vatany ho androzy ty tsy mahay ty lala ty fahamarina noho ty mahay zay ro hivaliky amy ty lily masy namea androzy. ²²Marina ho androzy ohan-tsafa toy hozao: "Ty alika ro mimpoly amy ty velohany. Ty koso fa niasa mimpoly mitolo-fataky."

Chapter 3

¹Amy zao, malala, manoratsy ho ahy nareo taratasy faharoe toy zaho ho fahatiarova andesy hampandrisiha ty sainareo malio, ²mba hahatiarovanao safa nivolany ty olo to-resaky masy taloha any rey noho ty lily ty Tompo noho Mpamonjy antsika ze namea apostolinareo rey. ³Haizo aloha zao, fa ty mpandratiraty ro ho avy amy ty andro farany. Ndrozy ro hikizaky sady handeha manahaky ty filàn-drozy manoka. ⁴Ndrozy ro hivola hozao: "Aia ty fampanantena ty amy ty fimpolianay? Fa zisiky amy zay nolia ty razambey miroro, le tsy niova ty raha iaby, eka fa zisiky amy ty fanomboha ty tany iaby toy aza." ⁵Ndrozy ro miay manalino fa ty lanitsy noho ty tany ro nisy baka amy ty rano sady tamy ty alala ty rano, fotoa ela, ⁶noho ty lilin-Janahary, sady tamy ty alala raha rey, ro nandravà ty tany iaby tamy fotoa zay, tamy ty tondra-drano. ⁷Fa amy zao ty lanitsy noho ty tany le natoka ho ahy ty afo amy ty alala lily io avao. Ndrozy ro voatoka ho amy ty andro ty fitsara noho ty fandravà ty olo raty fanahy. ⁸Engao ho halinonareo, malala, fa ty ndraik'andro amy ty Tompo ro manahaky ty arivo tao, sady ty arivo tao manahaky ty ndraik'andro. ⁹Ty Tompo ro tsy ela amy ty fanantanteraha fampanantenany rey, manahaky ze volany ty ilany ho fahabelany. Fa koa, le ro ela aminareo. Tsy teany hisy ho tsobo nareo, fa mba ho avy amy ty fibebaha ty iaby. ¹⁰Ndra zay aza, ho avy manahaky ty mpangalatsy ty andro ty Tompo: Ty lanitsy ro handrava miaraky amy ty feo maré. Ty raha iaby le ho maiky ty afo, sady ty tany noho asa aminy ao rey ro hambara. (Fanamariha: Dikan-tsafa ilany rey ro mivaky manahaky zao: "Ty raha iaby ro maiky ty afo, sady ty tany noho asa aminy ao rey ro ho oroa iaby.") ¹¹Ka laha ho rava manahaky zay raha iaby zao, le tokony ho olo manao ino nareo? Tokony hiay amy ty fahamasina noho ty fiaina manahaky ahin-Janahary nareo. ¹²Tokony hanantena sady handrava ty fiavia ty andron-Janahary nareo. Amy andro zay, ty lanitsy ro ho rava ty afo, sady ty raha iaby ro hilentiky amy ty hafana bey. ¹³Fa manahaky ty fampanantenany, ro mandiny ty lanitsy vaovao noho tany vaovao tsika, ze hipetsaha ty fahamarina. ¹⁴Laha zay, malala, safe manantena raha zay nareo, mananova ty soa bibike baka aminareo any mba tsy hisy simba noho tsy hanan-tsiny anilany eo, am-piadiana. ¹⁵Sady avao koa, eretsereto ty haela ty Tompontsika amy ty famonjea, manahaky ty nisoraty i Paoly rahalahy malalantsika taminareo, manahaky ty fahendrea ze namea azy. ¹⁶Paoly ro miresaky raha zay amy ty taratasy iaby ao, ze misy raha sarotsy takary. Olo tsy misy fahaiza sady tsy miory ndra manova raha reny, manahaky ty hananovany soratsy masy hafa avao koa, ka le mahavy fahatsoboa ho ahy ty vatany. ¹⁷Laha zay, malala, safe hainareo raha zay, le embeno ty vatznareo mba tsy ho voafandriky ty fitaky ty olo raty fanahy ka le ho tsobo ty fahamarinanareo. ¹⁸Fa mitombo amy ty fahasoava noho ty fahaiza ty Tompontsiky noho Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. Ho azy lahy ty voninahitsy amy zao sady zisiky farany. Ameny!

1 John

Chapter 1

¹Ze zisiky amy ty fiboaha- ze fa renay, ze fa hitanay tamy masonay rey, ze fa nihenteanay, sady ze fa nikasihy ty tananay- zay ro mikasiky ty Safa ty fiaina. ²Manahaky zay avao koa, ty fiaina le nampahaiziny, sady fa hitanay zay, ka le mitsanga vavolombelo amy zay zahay. Zahay ro manambara aminareo ty fiaiana zisiky farany, ze tamy ty Baba ao, sady ze fa nampahaizy anay. ³Ze fa hitanay noho renay ro ambaranay aminareo avao koa, mba hanananareo fifandrabesa aminay avao koa. Ty fifandrambesa misy aminay eo ro amy ty Njanahary noho amy ty Anany, Jesosy Kristy. ⁴Manahaky zay avao koa, manoratsa raha rey ho ahy nareo zahay mba ho tanteraky ty fifaleantsika. [Fanamariha: Dikan-tsafa taloha ilany rey ro vaký manahaky zao: " Sady manoratsy raha rey zahay mba ho tanteraky ty fifaleanareo."] ⁵Zao ro hafatsy ze fa renay baka aminy ka le ambaranay aminareo: Njanahary ro fahazava, sady Aminy ao ro tsy misy haïke mihintsy. ⁶Laha mivola tsika fa mana fifandrambesa Aminy sady mandeha anay ty haïke ao, le mavandy tsika sady tsy manao ty marina. ⁷Nefa laha mandeha amy ty fahazava ao tsika manahaky Azy amy ty fahazava ao, le mana fifandrambesa amy ty kirai-draiky iaby tsika, sady ty lio j Jesosy Anany ro manadio antsika amy ty fahota iaby. ⁸Laha mivola tsika fa tsy manam-pahota, le mamitaky ty vatantsika tsika, saddy ty fahamarina ro tsy amintsika ao. ⁹Nefa laha mieky fahotantsika rey tsika, le ro mahatoky noho marina amy ty famela fahotantsika rey sady manadio antsika amy ty tsy fahamarina iaby. ¹⁰Laha mivola tsika fa tsy mbo manota, le manao Azy ho mpavandy, sady tsy amintsika ao ty safany.

Chapter 2

¹naky, manoratsy raha reto zaho mba tsy hanotanareo. Nefa laha misy manota, le mana mpisolo vava miaraky amy ty Njanahary, Jesosy kristy, azy marina iny. ²Ie ro fanavota ahy ty fahotantsika rey, sady tsy ty antsika avao, fa ty ahy tany iaby toy tany raiky avao koa. ³Amy zay ro ahafantsika fa mahay Azy tsika: laha miemby liliny rey tsika. ⁴Azy mivola hozao: "Mahay an-Janahary zaho", fa tsy miemby liliny rey, le mpavandy, sady ty marina ro tsy aminy ao. ⁵Fa ndra ia ndra ia miemby ty safany, marina vatany, le amy olo zay ao ro nanantanteraha ty fitoavan-Janahary. Amy zay ro ahafahantsika fa aminy ao tsika. ⁶Azy raiky ze mivola fa mipetsaky amin-Janahary ao iny ro tokony handeha avao koa ie manahaky ty nandehana i Jesosy Kristy. ⁷Malala o, tsy manoratsy lily vaovao ho anareo zaho, fa lily taloha ze fa nanananareo zisiky amy ty fanombohany. Ty lily taloha ro safaze renareo. ⁸Fa manoratsy lily vaovao ho ahy nareo zaho, ze marina amy i Kristy ao noho aminareo ao, safe ty haiky ro mandalo, fa ty fahazava marina ro fa mipiriaky. ⁹Azy raiky ze mivola fa amy ty mazava ao ie sady malay ty rahalahiny le anay haiky ao zisiky amy zao. ¹⁰Azy raiky ze mitea ty rahalahiny iny ro mipetsaky amy ty mazava ao sady tsy hisy fotoa hampeloky azy. ¹¹Fa azy raiky ze malay ty rahalahiny iny amy ty haiky ao le mandeha amy ty haiky ao; ie ro tsy mahay ze handehanany, safe ty haiky ro fa nahajike ty masonry. ¹²noratsy ho anareo zaho, anaky tea, safe fahotanareo ro voa enga noho ty anarany rey. Manoratsy ho ahy nareo zaho, njanahary e, safe hainareo azy raiky baka amy ty fanomboha. ¹³Manoratsy ho ahy nareo zaho, pamaraky e, safe niresenareo azy raty iny. Fa nanoratsy ho anareo zahom aja maliniky e, safe nareo ro mahay ty Njanahary. ¹⁴Fa nanoratsy ho ahy nareo zaho, pamaraky e, safe mahery nareo, sady ty safan-Janahary ro mipetsaky aminareo ao, sady nareo ro fa nandresy azy raty iny. ¹⁵Ka mitea ndra tany iaby toy ndra raha aminy eo. Laha misy mitea ty tany iaby toy, le tsy aminy ao ty fitiava ty Njanahary. ¹⁶Fa ty raha iaby ze amy ty tany iaby toy- ro ty fila ty nofotsy, ty fila ty maso, sady ty firengirengy ty fiaina-ze tsy baka any Njanahary fa baka amy ty tany iaby toy. ¹⁷Tany iaby toy noho ty faniriany ro mandalo. Fa ndra ia ndra ia manao ty sitsapon-Njanahary ro hipetsaky zisiky farany. ¹⁸Aja reo e, toy ro ora farany. Manahaky ty fa renareo fa ho avy ty antiKristy, amy zao lako antiKristy ze fa avy. Amy zay ro ahaizantsika fa toy ro ora farany. ¹⁹Niala tamintsika ndrozy, nefa tsy baka amintsika. Fa laha tamintsika ndrozy le nipetsaky niaraky tamintsika. Fa lafa niala ndrozy, le nampitoro fa tsy tamintsika. ²⁰Fa mana fanosora baka amy azy Raiky Masy iny nareo. [Fanamariha: misy dikan-tsafa hafa ilany vaovao ze mivaky hozao: "mana ty fahaiza iaby nareo." Ty dikan-tsafa 8lany taloha ro mivaky hozao: "sady hainareo ty raha iaby."] ²¹Tsy nanoratsy ho ahy nareo zaho safe nareo ro tsy mahay ty marina, fa safe hainareo zay sady tsy misy vandy baka any ty marina, ²²Ia ro mpavandy fa tsy azy raiky ze mandà fa i Jesosy ro Kristy iny? Olo zay ro azy antiKristy iny, lafa mandà ty Njanahary noho ty Anaky ie. ²³Tsy misy olo ze mandà ty Anaky kable hanao ty Njanahary. Ndra ia ndra ia manenky ty Anaky avao koa ro mana ty Njanahary. ²⁴Fa ho ahy nareo, engao ze renareo zisiky amy ty fanombohany hipetsaky aminareo ao. Laha ze renareo zisiky amy ty fanomboha ro mipetsaky aminareo ao, le hipetsaky amy ty Anaky ao noho amy ty Njanahary ao avao koa nareo. ²⁵Zay ro fampanantena nameany antsika: le ty fiaina zisiky farany. ²⁶Fa nanoratsy raha zay ho ahy nareo zaho mikasiky ze handay anareo amy ty lala-diso rey. ²⁷Fa ho ahy nareo, azy hosotsy ze nirambesinareo baka aminy iny ro hipetsaky aminareo ao, ady nareo ro tsy mila olo mampianatsy anareo. Fa manahaky ze nampianary ty fanosora anareo ty raha iaby le marina sady tsy vandy, sady manahaky ze fa nampianary zay nareo, le mipetsaky Aminy ao. ²⁸Amy zao, anaky tea, mipetsaky aminy ao, mba lafa miboaky Ie, le hana fahasakia tsika sady tsy ho menatsy anilany eo amy ty fiaviany. ²⁹Laha hainareo fa ie ro marina, hainareo fa ze iaby manao ty mety ro teraky taminy.

Chapter 3

¹Ingo manahaky ty ino ty fitiava namea ty Njanaharintsika, mba hikaiha antsika hoe anan-Janahary, sady zay tsika. Laha antony zay, tany iaby toy ro tsy mahay antsika, safe tsy mahay azy zay. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ro tsy manisy hozao:" sady zay tsika."]²Malala a, anan-Janahary tsika amy zao, sady zay ro mbo tsy nambara hoe hanahaky ty ino tsika. Tsika ro mahay fa lafa miboaky i Kristy, le hanahaky Azy tsika, safe hahita Azy manahaky Azy tsika.³Ty iaby ze mana zay fatokisa mikasiky ty ho avy mifototsy aminy zay ro manadio ty vatany mba halio manahaky Azy.⁴Ze iaby manota ro manao ze tsy ara-dalà; fa ty fahota ro tsy ara-dalà.⁵Nareo ro mahay fa i Kristy ro nambara mba hangalaky fahota rey, sady aminy ao ro tsy misy fahota.⁶Tsy misy olo ze mipetsaky aminy ao ka ,e mbo hanota zisiky any. Tsy misy olo mbo manota nahita azy bdra nahay azy.⁷Anaky malala, ma enga hisy olo hamitaky nareo. Azy raiky ze manao ty fahamarina iny ro marina, manahaky ty mahamarina an'i Kristy.⁸Azy raiky ze manota iny ro baka amy ty devoly, fa ty devoly ro nanota zisiky ambolohany any. Laha antony zay ty Anan-Janahary ro nanoro, mba hafahany mamotiky asa ty devoly rey.⁹Ndra ia ndra ia naterakin-Janahary le tsy hanohy ty fahota safe ty voa baka amin-Janahary ro mipetsaky aminy ao. Tsy afaky manohy ty fahota ie safe nateraky rakin-Janahary.¹⁰Amy zay ao ro hampitoro anan-Janahary rey noho ana ty devoly rey. Ndra ia ndra ia tsy manao ty marina ke tsy baka amin-Janahary; ndra ty raiky ze tsy tea ty rahalahiny avao koa aza.¹¹Fa zay ro hafatsy ze fa renao zisiky ambelohany: fa tsika ri tokony mifankatea, ¹²fa tsy manahaky an'i Kaina, ze baka amy azy raty noho namono ty rahalahiny iny. Fa nanino ie ro namono azy? Safe asany rey ro raty, sady tg ahy ty rahalahiny ro marina.¹³Ka tseriky, rahalahiko, laha malay anareo ty tany.¹⁴Haintsika fa niala tamy ty fahafatesa mana amy ty fiaina tsika, safe tea an'i rahalahy rey tsika. Ze tsy tea ro mipetsaky amy ty fahafatesa any.¹⁵Ze malay ty rahalahiny ro mpamono olo. Hainareo fa tsy misy mpamono olo mana fiaina zisiky farany mipetsaky aminy ao.¹⁶Amy zay ro hafahantsika ty fitiava, safe Kristy nanome ty ainy ho antsika. Tsika avao koa ro tokony manome ty aintsika ho ahy rahalahy rey,¹⁷Fa ndra ia ndra ia mana ty hanana ty tany iaby, ka le mahita ty fahasahirana ty rahalahiny, sady manily ty fo ty fangorahany azy, amy ty fomba manao akory ro ipetsaha ty fitiavab-Janahary aminy ao?¹⁸Anako malalako, Engao tsika tsy hitea amy ty safa ndra koa amy tyvava, fa amy ty asa noho fahamarina.¹⁹Baka amy zay ro haizantsika fa baka amy ty fahamarina tsika, ady mampatoky ty fontsika anjlany tsika eo.²⁰Fa laha manasazy antsika ty fontsika, Njanahary le bevata noho ty fontsika, sady mahay ty raha-iaby Ie.²¹Malala, laha tsy manasazy antsika ty fontsika, le mana fatokisa amin-Janahary tsika.²²Ndra ino ndra ino angatahinao le ho azontsika baka aminy, safe miemby liliny noho manao ze ankasitsahy rey anilany eo.²³Zao ro liliny: tokony mino ty anara ty Anany Jesosy Kristy sady mifankatea tsika, manahaky ty ela nanomezany antsika lily zay.²⁴Ty raiky ze mitandraky lilin-Janahary rey ro mipetsaky aminy ao, sady Njanahary mipetsaky aminy ao. Amy zay ro hahaizantsika fa ie ro mipetsaky amintsika ao, amy ty Fanahy ze nameany antsika.

Chapter 4

¹Malala, ka mino ty fanahy iaby. Fa koa, mitsapa fanahy mba hahita fa baka amin-Janahary ndrozy, safe mpaminany sandoky lako ro fa niala tany tany iaby toy. ²Amy zay ro ahaizanareo ty Fanahin-Janahary-ty fanahy iaby ze manenky fa i Jesosy Kristy ze nanjary nofotsy ke baka amin-Janahary, ³sady ty fanahy iaby ze tsy manenky fa Jesosy ro tsy baka amin-Janahary. Le zay ty fanahy ty antiKristy, ze fa renareo fa ho avy, sady amy zao ro fa an-tany eto. [Fanamariha: misy dikan-tsafa taloha ilany le mivaky hozo: "Sady ty fanahy iaby ze tsy manenky fa i Jesosy nanjary nofotsy ro tsy baka amin-Janahary. Zay ro fanahy ty antiKristy, ze fa janjinareo fa ho avy, sady amy zao le fa an-tany eto.]⁴Nareo ro baka amin-Janahary, anaky malala, sady fa nandresy androzy, safe azy raiky ze aminareo ao ro bevata mandilatsy noho azy raiky ze amy tany iaby toy iny eto. ⁵Ndrozy ro baka amy tany iaby toy; laha zay ze iaby volanin-drozy ro baka amy ty tany oaby toy, sady fany iaby toy ro mijanjy an-drozy. ⁶Baka amin-Janahary tsika. Ze mahay ty Tompo ro manoro antsika. Ie ze tsy baka amin-Janahary ro tsy manoro antsika. Amy zay ro ahajzantsika ty fanahy ty fahamarina noho ty fanahy ty fahadisoa. ⁷Malala, engao tsika hifankatea, fa ty fitiava ro baka amin-Janahary, sady ze iaby mitea ro naterakin-Janahary noho mahay an-Janahary. ⁸Ty olo ze tsy mitea ro tsy mahay an-Janahary, safe Njanahary ro fitiava. ⁹Laha zay ty fitiavan-Janahary ro nambara famintsika, fa Njanahary ro nandefa ty Anakilahiny velohany ho an'i tany iaby toy mba ho velo laha le tsika. ¹⁰Amy zay fitiava zay, tsy ty nitiavantsika an-Janahary, fa ty nitiavany antsika, sady ty nandefasany ty Anakilahiny ho fanavota ty fahotantsika rey. ¹¹Malala, laha tea maré antsika Njanahary, le tokony hifankatea avao koa tsika. ¹²Tsy mbo nisy nahita an-Janahary. Fa laha mifankatea tsika, le mipetsaky amintsika ao Njanahary sady ty fitiavany le tanteraky amintsika ao. ¹³Amy zay ro ahafahantsika fa mipetsaky aminy ao tsika sady ie amintsika ao, safe ie ro nanome antsika ty ilany amy ty Fanahiny. ¹⁴Sady avao koa, fa nahita tsika noho fa mitsanga vavolombelo fa Njanahary ro fa nandefa ty Anakilahiny ho Mpamonjy ty tany iaby toy. ¹⁵Ndra ia ndra ia manenky fa Jesosy ro Anakilahin-Janahary, le mipetsaky aminy ao Njanahary sady ie amin-Janahary ao. ¹⁶Tsika avao koa ro nahay sady nino ty fitiava ze fa nananan-Janahary ho antsika. Njanahary ro fitiava, sady azy raiky ze mipetsaky amy fitiava zay iny ro mipetsaky amin-Janahary ao, sady Njanahary ro mipetsaky aminy ao. ¹⁷Laha zay, fitoava zay ro nitanterahiny tamintsika, mba hananantsika fatokisa amy ty andro ty fitsara, safe manahaky Azy, le manahaky zay avao koa tsika amy tany toy eto. ¹⁸Tsy misy tahotsy amy ty fitiava ao. Fa koa, ty fitiava tanteraky ro mangalaky ty tahotsy, safe ty tahotsy ro tsy maintsy miadaky amy ty sazy. Fa azy raiky ze matahotsy iny ro tsy nanovy ho tanteraky amy ty fitiava ao. ¹⁹Mitea tsika safe Njanahary nitea antsika velohany. ²⁰Laha misy olo mivola hozo: "Teako Njanahary" nefa malay ty rahalahiny, le mpavandy ie. Fa azy raiky ze tsy mitea ty rahalahiny iny, ze hitany, le tsy afaky ty hitea an-Janahary, ze tsy hitany. ²¹Sady, zay avao koa ro lily ze ananantsika baka aminy: Ndra ia ndra ia mitea an-Janahary le tsy maintsy mitea ty rahalahiny avao koa.

Chapter 5

¹Ndra ia ndra ia mino fa i Jesosy ro Kristy ro naterakin-Najanahary, sady ndra ia ndra ia tea ty Njanahary avao koa ro tea ty anaky naterany. ²Laha zay ro ahaizantsika fa tiansika anan-Najahary rey: lafa tea an-Janahary noho manantanteraky liliny rey tsika. ³Safe zay ro fitiava ho an-Janahary: le ty hananterahantsika liliny rey. Sady liliny rey ro tsy mavesatsy. ⁴Fa ty olo iaby ze naterakin-Najanahary ro mandresy ty tany iaby toy. Sady zay ro fandrese a ze fa nandresy ty tany iaby toy: ty finoantsika. ⁵Ia azy raiky ze mandresy ty tany iaby toy iny? Azy raiky ze mino fa i Jesosy ro Anakin-Janahary. ⁶Zay ro azy Raiky ze niavy tany ty rano noho lio iny: Jesosy Kristy. Ie ro niavy tsy tany ty rano avao, fa famy ty rano noho lio. ⁷Fa misy telo ze mitsanga vavolombelo: ⁸ty Fanahy, ty rano, sady ty lio. Telo rey le mifanaraky. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa taloha ilany ro mivaky manahaky zao: "Fa misy telo ze mitsanga vavolombelo an-danitsy any: ty Njanahary, noho ty Safa, sady ty Fanahy Masy; sady telo rey ro raiky. Sady misy telo ze mitsanga vavolombelo anabo ty tany eto: ty Fanahy, ty rano, sady ty lio; sady telo rey ro manahaky ty daiky." Ndra zay aza, dikan-tsafa soa bibiky rey ro tsy mivaky manahaky zay.] ⁹Laha mandramby ty fitsangana vavolombelo ty olo tsika, le ho bevata vatany ty fitsangana vavolombelon-Janahary. Fa ty fitsangana vavolombelon-Janahary ro zao: ie ro mitsanga vavolombelo mikasiky ty Anany. ¹⁰Ndra ia ndra ia mino ty Anan-Janahary ro mana fitsangana vavolombelo amy ie vatany ao. Ze tsy mino an-Janahary ro manao Azy ho mpavandy, safe ie ro tsy nino ty fitsangana vavolombelo ze fa namean-Janahary mikasiky ty Anany. ¹¹Sady ty fitsangana vavolombelo ro zao: Njanahary ro nanome antsika fiaina zisiky farany, sady fiaina zay ro amy ty Anany ao. ¹²Azy raiky ze mana ty Anaky iny ro mana ty fiaina. Ty olo ze tsy mana ty Anan-Janahary ro tsy mana fiaina. ¹³Fa nanoratsy raha reto ho ahy nareo zaho mba hahaizanareo fa mana ty fiaina zisiky farany nareo-ho ahy nareo ze mino ty anara ty Anan-Janahary. ¹⁴Manahaky zay avao koa, zao ro fifankea ze ananantsika anilany eo, fandra ino ndra ino angatahintsika manahaky ty sitsapony, le manoro antsika Ie. ¹⁵Manahaky zay avao koa, laha haintsika fa maharé antsika Ie- ndra ino ndra ino angatahintsika Aminy-le haintsika fa azontsika ze iaby nangatahintsika taminy. ¹⁶Laha misy olo raiky mahita ty rahalahiny manao fahota ze tsy miteraky fahafatesa, tsy maintsy mivavaky ie, sady Njanahary ro hanome fiaina ho azy. Zaho ro mampitovy ze mana fahota rey tsy miteraky fahafatesa. Misy fahota ze miteraky fahafatesa; Misy fahota ze miteraky fahafatesa; tsy mivola zaho hoe tokony hivavaky amy zay ie. ¹⁷Ty tsy fahamarina iaby ro fahota, nefa misy fahota tsy miteraky fahafatesa. ¹⁸Haintsika fa ndra ia ndra ia naterakin-Janahary ro tsy manota. Nefa azy raiky ze naterakin-Najanahary iny ro miaro ty vatany, sady ty raty ro tsy afaky ty hikasiky azy. ¹⁹Haintsika fa avy amin-Janahary tsika, sady ty tany iaby toy ro mioetsaky amy ty raty ao. ²⁰Nefa haintsika fa ty Anan-Janahary ro fa niavy sady nanome antsika fahazavan-tsay mba ahafahantsika azy raiky ze tena marina iny. Manahaky zay avao koa, tsika le amy azy raiky ze marina iny ao, amy i Jesosy Kristy Anany ao. Ie ro Njanahary marina sady fiaina zisiky farany. ²¹Anaky, arovo amy sampy ty vatanareo rey.

2 John

Chapter 1

¹Baka amy ty olo bey ka le zisiky amy ty ampela voatingy noho anany rey, ze teako amy ty fahamarina - sady tsy zaho avao, fa iaby ze nahay ty marina rey avao koa - ²noho ty fahamarina ze mipetsaky amintsika ao sady hanoriky amintsika zisiky farany. ³Ho amintsika lahy ty fahasoava, ty famalozam-po, ty fiadana baka amin-Janahary Ray noho baka amy i Jesosy Kristy, Anaky ty Ray, amy ty fahamarina noho fitiava. ⁴Faly maré zaho safe nahita ty ilany amy ananao rey mandeha amy ty fahamarina, manahaky ty nandrambesantsika lily zay baka amy ty Ray. ⁵Sady mangataky aminao zaho, ampela - tsy manahaky ty manoratsy lily vaovao aminao zaho, fa ze nananantsika zisiky amy ty velohany - ro ty tokony hifankatiavantsika samby tsika. ⁶Zao ro fitiava, le ty mba handehanantsika manahaky liliny rey. Zao ro lily, manahaky ty renareo zisiky amy ty velohany, le ty tokony handehanareo amy zay. ⁷Fa lako mpamitaky rey fa lasa amy tany iaby toy any, sady ndrozy ro tsy manenky fa Jesosy Kristy ro niavy famy ty nofotsy. Zay ro mpamitaky noho antiKristy. ⁸Hentoe ze fa vitan-tsika iaby, fa mba handrambesanareo valim-pitea atsiky. ⁹Ndra ia ndra ia mandeha aloha eo sady tsy mipetsaky amy ty fampianara i Kristy eo ro tsy mana an-Janahary. Azy raiky ze mipetsaky amy ty fampianara ao iny, raiky zay ro mana ty Baba noho ty anaky. ¹⁰Laha misy olo niavy aminao eo sady tsy manday fampianara zay, le ka mandramby azy ho antsanonao ao sady ka miarahaba azy. ¹¹Fa ze miarahaba azy ro mivory amy ty raty anoviny. ¹²Mana raha lako ho soraty aminareo zaho, nefa zaho tsy maniry hanoratsy zay amy ty taratasy noho ranomainty. Ndra zay aza,

manantena ty ho avy aminareo any zaho sady hiresaky mivanta, mba ho tanteraky ty fifaleanareo. ¹³Manao veloma anao anaky ty rahavavinao voatingy rey.

3 John

Chapter 1

¹Zaho olo bey mamonjy an'i Galo malala, azy teako amy ty fahamarina iny. ²Malala, mivavaka zaho mba ho tahy amy ty raha iaby iha sady ho tsy harary, manahaky ty hitahia ty fanahinao. ³Fa nifaly maré zaho tamy mbo nisy rahalahy niavy sady nitsanga vavolombelo tamy ty fahamarinanao, manahaky ty andehananao amy ty marina. ⁴Tsy mana hafalea bevata noho toy zaho, le ty maharé fa mandeha amy ty fahamarina anako rey. ⁵Malala, manao asa matoky iha ndra amy ino ndra ino asa anovinao ho ahy rahalahy rey noho vahiny rey, ⁶ze nitsangana vavolombelo ty fitiavanao tanila ty egilizy eo. Soa ro anovinao laha alefanao mandeha amy ty fomba maeva an-Janahary ndrozy, ⁷safe noho ty anara ro nialany, tsy nanday ndra ino ndra ino baka amy Jentilisa rey. ⁸Laha zay tsika le tokony handray ty manahaky zay, mba ho mpiara-miasa amy ty fahamarina tsika. ⁹Nanoratsy raha tamy ty egilizy zaho, nefa Diotrefa, azy te-ho lohany amin-drozy iny, le tsy nandramby anay. ¹⁰Laha zay, laha niavy zaho, le ho tiaroko asa ze nanoviny rey, ty fomba nivolanany raha mandaginy manohitsy anay miaraky amy ty safa raty rey. Tsy afa-po amy asa rey, le tsy nandramby rahalahy rey ie. Nandrara ze te-hanao manahaky zay rey zie sady nandroaky androzy hiboaky ty egilizy. ¹¹Malala, ka mangalaky manahaky ze raty fa ze soa. Azy raiky ze manao ty soa iny ro an-Janahary; azy raiky ze manao ty raty ro tsy nahita an-Janahary. ¹²Ty iaby noho ty fahamarina ro vavolombelo manambara an'i Demetrio. Zahay avao koa ro mitsanga vavolombelo, sady hainao fa marina ty fanambaranay. ¹³Nanao raha lako ho sorata aminareo zaho, fa tsy maniry hanoratsy aminareo amy ty sitilo rey noho ranomainty zaho. ¹⁴Nefa zaho hiresaky mivanta tsika. ¹⁵Ho aminareo lahy ty fiadana. Manao veloma anao nama atoy rey. Veloma amy nama kirai-draiky rey any manahaky ty anarany iaby.

Jude

Chapter 1

¹Joda, mpiasa i Jesosy Kristy raiky, rahalahy i Jakoba, ho ahy ze kaihe rey hoe, malala amin-Janahary ao azy Njanahary iny, noho voahahary ho an'i Jesosy Kristy: ²Hampitomboe ho aminareo lahy ty famalozam-po noho ty fiadana sady ty fitiava. ³Malala, laha nanao ty ezaky iaby hanoratsy ho ahy nareo iny ty mikasiky ty famonjea hihantonantsika iny zaho, le nanoratsy ho ahy nareo zaho mba hanosiky anareo hialy mare ho ahy azy fino a ze fa namea andraiky avao iny ho ahy mpino rey. ⁴Fa ho ahy ty olo ilany nisisiky antsokosoko rey aminareo eo. Rey ro olo voamariky ho ahy ty fanasazia. Rey ro olo raty fanahy ze manivativa ty fahasoavan-Janahary ho amy ty fijejohejoa any, sady ke mandà ty Mpanjaka noho ty Tompo tokantsika, Jesosy Kristy. ⁵Amy zao zaho le te hampahatiaro anareo ndra le fa hainareo tanteraky sady zay fa ty Tompo ro nanavotsy ty olo baka amy ty tany Egipta any, fa tafara zay ro naravany ze iaby tsy nino. ⁶Sady anjely ze tsy nitandraky ty fahefa ze napetsaky tamin-drozy rey, fa ze niala ty fipetsahan-drozy Njanahary ro namehy androzy tamy ty fehy zisiky farany, amy ty maiky-kitsoky tanteraky ao, ho amy ty andro ty fitsara bevata. ⁷Manahaky an'i Sodoma noho Gomora noho tanà miodidy androzy rey, ze nanome ty vatan-drozy ho amy ty heriloha noho ty fananova fila tsy ara-boajanahary. Le nanovy ohatsy amy ze mijaly amy ty fanasazia rey amy ty afo any zisiky farany ndrozy. ⁸Nefa manahaky zay avao, mpanofinofy rey ro mandoto avao koa ty vatan-drozy, sady mivola raha raty manohitsy manam-boninahitsy rey. ⁹Fa ndra le Mikaela arikanjely aza, lafa nialy tamy ty devoly noho nifamaly taminy ty amy ty faty i Mosesy, le tsy mahasaky nivola raty hanasazia azy. Fa hoy koa ie: "Hananatsy anao lahy Tompo!" ¹⁰Fa olo rey ro mivola raty ty raha iaby tsy hainy. Sady ze hainy manahaky ty fahaiza ty biby tsy manan-tsiny zay ro manimba androzy. ¹¹Loza ho androzy! Fa laha nandeha tamy ty tanà i Kaina ao ndrozy, sady nanoriky ty fahadisoa i Balama hahazoa tambiny. Le rava tamy ty fiharoa i Kora ao ndrozy. ¹²Rey ro azy olo ze rahambato tsy hita amy ty hanimpitiavanareo ao. Mihina am-pahamenara, mamoky ty vatan-drozy avao. Ndrozy ro raho tsy misy rano, andesy ty tsioky. Hazo fararano tsy misy voany indroe maty, niala fotony. ¹³Ndrozy ro onjan-driaky mahery, mitompatompa mamorinory ty fahamenaran-drozy. Basia miriorio ndrozy, ka le voahajary ho azy ziaiky farany ty fahamaintisay ty mahiky. ¹⁴Sady Enoka, azy faha fito i Adama iny, ro fa nanao resaky to mikasiky rey, nivola hozao: "Ingo! Ho avy ty Tompo miaraky amy masiny an'alin'aliny rey. ¹⁵Ho avy le mba hanantanteraky ty fitsara ty olo iaby. Ho avy le hampieky ty olo raty fanahy iaby tamy ty asa vitany tamy ty haratiam-panahiny, sady safa

mahery iaby ze nivolany ty olo raty fanahy manohitsy Azy rey." ¹⁶Rey ro mpingonongono, noho mpimenimeny, ze manoriky ty fila-ratin-drozy, Ndrozy ro mpiavotsavotsy mare, zay, noho ty tombontsoan-drozy manoka, le mahazo ty hafa. ¹⁷Fa nareo, malala, tiarovo safa ze nivola apostoly i Jesosy Kristy Tompontosika fa ela rey. ¹⁸Hoasandrozy taminareo: "Fa amy ty andro farany le hisy mpandratriaty ze hanoriky ty fila ty haratiam-panahiny." ¹⁹Olo re ro mitariky fisaraha. Ndrozy ro olo manahaky ty nofotsy, sady tsy mana ty Fanahy ²⁰Fa nareo, malala, mipetsaha soa amy ty finoanareo masy bibiky eo, sady mivavaha amy ty Fanahy Masy. ²¹Mipetsaha nareo amy ty fitiavan-Janahady ao, sady andinaso ty famalozam-po i Jesosy Kristy Tompontosika ze manday anao ho amy ty fiaina ziaiky farany. ²²Mamaloza fo amy ze misalasala rey. ²³Vonjeo sady sariho hiala amy ty afo ty olo ilany. Sady ty ilany ndraiky amalozo fo amin-tahotsy. Malaina ndra le zisiky amy ty salotsy nilotoe ty nofotsy aza. ²⁴Sady ho an'i ze miaro anareo mba tsy heloky, sady hahavy anao hitsanga anila ty voninahitsiny eo, tsy misy tsiny sady am-pifalea bevata, ²⁵amin-Janahary toka Mpanarombakantsika tamy ty alala i Jesosy Kristy Tompontosika lahy, ty voninahitsy, ty habey, ty fahefa, ty hery, taloha ty fotoa iaby, amy zao, sady zisiky farany. Ameny.

Revelation

Chapter 1

¹Toy ty fanambarà an'i Jesosy Kristy ze namean-Janahary azy hampitoroa an'i mpiasany rey ty raha tsy maintsy hiseho. Nampahaiziny zay tamy ty alala ty fametarany ty anjely ho an'i Jaona mpiasany. ²Jaona ro nanamary ty mikasiky ty safan-Janahary noho fitsangana vavolombelo mikasiky an'i Jesosy Kristy rey, noho raha iaby hitany rey. ³Sambatsy ie ze mamaky amy ty feo abo, sady ze mijanjy ty safa zay faminania zay, noho ze miemby ze voasoratsy aminy ao, safe fa mariny ty fotoa. ⁴Jaona nana amy egilizy fito any ta Asia any: Ho aminareo lahy ty fahasoava noho ty fiadana baka amy azy amy zao avao iny, noho taloha, sady ho avy, noho baka amy fanahy fito rey ze anila ty seza fipetrahany eo, ⁵sady baka amy i Jesosy Kristy, ze vavolombelo marina, anakilahy velohany amy ty maty, sady bey ty mpanjaka ty tany. Ho ahy azy tea antsika iny noho nanafaky antsika tamy fahofantsika tamy ty liony--- ⁶Ie ro nanao antsika ho fanjaka, mpisoro ho an-Janahary noho ty fahefa zisiky farany maré. Ameny. ⁷Ingo, baka amy ty raho Ie; sady ty maso iaby nahita azy, ndra le nandrava Azy rey aza. Ty firebea iaby anabo ty tany hitany Azy. Eka, Amea. ⁸"Zaho ro Alfa noho Omega," hoy ty Tompo Njanahary, "azy amy zao iny, noho taloha, sady ho avy, le azy Tsitoha iny." (Fanamariha: ty dikan--tsafa hafa taloha ro mivaky manahaky zao: "Zaho ro Alfa noho Omega, ty fanomboha noho fihafara," hoy ty Tompo Njanahary. ⁹Zaho, Jaona---rahalahinareo noho azy raiky ze nizara taminareo tanay ty fijalea ao iny noho fanjaka sady ty fahareta amy i Jesosy Kristy ao--- le tamy ty nosy ao anovy hoe Patmo noho ty safan-Janahary noho ty fitsangana vavolombelo ty mikasiky an'i Jesosy. ¹⁰Zaho ro nitarihy ty Fanahy tamybty andro ty Tompo. Nahare feo mahery manahaky ty trompetsa tandabosy eo zaho. ¹¹Nanao zay hozao: "Sorato amy ty boky ze hitanao ao, ka le alefaso amy egilizy fito rey any--- ho ahy ty Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, sady Laodikia." ¹²Nizaracty muodidy zaho nila hoe feon'ia nivola tamiko zay, sady laha nitoliky zaho le nahita fananovan-jiro volamena fito. ¹³Sady tanivo ty fananovan-jiro nisy ty raiky manahaky ty Anak'olo eo, nisiky salotsy lava niavy zisiky amy ty tombony, sady santira volamena miodidy ty tsatsany. ¹⁴Ty lohany noho ty volony ro foty manahaky ty volon'aondry--- fity manahaky ty rano mivory, sady ty masony manahaky ty lefo. ¹⁵Ty tombony mipiriaky manahaky ty saba, manahaky ty saba voalio tamy ty laforo eo, sady ty feony manahaky ty feo rano bey mirotsaky. ¹⁶Sady nana basia fito tan-tanany ankavana eny Ie, sady meso bevata roe lela maranitsy niboaky baka amy ty vavany eo. Ty tarehy ro nazava manahaky ty masoandro lafa mirebareba. ¹⁷Lafa nahita Azy zaho, le nilavo tamy ty tombony eo manahaky ty olo maty. Nitondro ahy tamy ty tanany ankavana Ie ka le nanao hozao: "Ka matahotsy. Zaho ro velohany noho farany, ¹⁸sady azy raiky ze velo iny. Fa maty Zaho, fa ingo, velo zisiky farany! Sady Zaho mana ty lakile ty fahafatesa noho ty Fiainan-tsy hita. ¹⁹Laha zay sorato ze hitanao, ze amy zao, noho ze hitsanga afara zao. ²⁰Manahaky ty raha-tsy hita mikasiky basia fito ze hitanao tantanan-kavanako eny rey, noho fananovan-jiro volamena fito rey: "Ty basia fito ro anjely ty egilizy fito rey, sady ty fananovan-jiro ro egilizy fito rey."

Chapter 2

¹Sorato ho ahy ty anjely ty egilizy Efesosy ao hozao: "Ndreto ty safa baka amy azy raiky ze mitandraky basia fito rey amy ty tanan-kavanany iny sady mandeha amy fananovan-jiro volamena fito rey, ²"Haiko ze fa vitanao noho ty asa maherinao sady ty fiaretanao ela. Haiko fa tsy afaky handefitsy amy ty olo-raty iha. Haiko fa nitsapanao ze mivola androzy rey ho apostoly, nefa tsy ie, sady hitanao ndrozy fa sandoky.³Haiko fa mana fahareta iha, sady nijaly maré noho ty amy ty anarako, sady tsy nilavo lefo iha. ⁴Nefa manohitsy anao zaho safe nanenga ty fitiavanao velohany iha. ⁵Tiarovo noho zay ty toera ze nahalavo anao. Mibebaha sady mananova raha ze nanovinao velohany rey. Fa laha tsy mibebaky iha, le ho avy aminao any zaho sady hangalaky fananovan-jironao rey amy ty fipetsahany.⁶Nefa zao ro anovinao: "Halanao ty raha-vita ty Nikolaita, ze hejiko avao koa. ⁷Engao ze manan-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy ho ahy ty fiangona. Ho an'i azy raiky ze maharesy le hameako alala hihina ty baka amy ty hazo ty fiaina, ze amy ty paradisan-Janahary ao."⁸Sorato ho ahy ty anjely ty egilizy a-Smyrna any hozao: "Ndreto ty safa azy raiky ze velohany iny sady farany, azy raiky ze fa maty iny nefa velo ndraiky: ⁹"Haiko ty halahelona noho ty fijaleanao rey, nefa manan-kanana iha. Haiko ty fivolana-raty ho ahy ze mivola ty vatany rey fa Jiosy, nefa tsy ie. Synagoga i Satana ndrozy.¹⁰Ka matahotsy ty amy ze fa hiaretanao. Ingo! Ty devoly ro hanoraky ty ilany aminareo amy ty tsanomaiky any mba ho tsapà narei, sady hijaly anay ty folo andro nareo. Matokisa zisiky-mahafaty, ka le hameako anareo ty satso-boninahitsy ty fiaina. ¹¹Ze manan-tsofy engao ie hihina ze volany ty Fanahy ho ahy ty egilizy. Azy raiky ze maharesy ro tsy ho simba ty fahafatesa faharoe."¹²Sorato ho ahy ty anjely ty egilizy a-Pergamosy any hozao: "Ndreto ty safa azy raiky ze mana meso roe lela iny: ¹³"Haiko ze ipetsahanao, le amy ty hipetsaha fy seza fipetsaha i Satana ao. Sady amy zao mitandraha mare ty anarako iha. Haiko fa tsy nandà ty finoanao ty amiko iha, ndra le tamy andro i Antipasy rey vavolombeli aza, ze nahatoky Ahy, ze nivonoe taminareo eo, tamy ty fipetsaha i Satana ao.¹⁴Fa manan-tsafa kelikely aminao Zaho: "Misy ilany aminareo mitandraky maré ty fampianara ty Balama, ze nampianatsy an'i Balaka hampipetsaky fanontania aloha ty anak'Israely eo, mba hihinanan-drozy ty hany nanovy soro ho ahy ty sampy sady ho heriloha. ¹⁵Manahaky zay koa, misy ilany aminareo ze mitandraky maré ty fampianara Nikolaita rey. ¹⁶Mibebaha, laha zay! Fa laha tsy zay, le ho avy malaky aminareo any Zaho, sady hifanina amin-drozy zaho miarakany amy ty meso-bey ty vavako. ¹⁷Engao ze mana-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy ho ahy ty egilizy rey. Ho ahy ze maharesy rey, sady hameako vato foty miarakany amy ty anaram-bato voasoratsy amy ty vato eo, anara ze tsy hain'olo hafa-tsy ze mandramby azy avao."¹⁸Sorato ho ahy ty anjely ty egilizy Tyatira ao hozao: 'Ndreto ty safa ty Anakin-Janahary, ze mana maso manahaky ty lelan'afao sady tomboky manahaky ty saba mipiriaky: ¹⁹"Haiko ze vitanao: Ty fitiavanao noho ty finoanao noho ty fanompoanao sady ty fandinisanao. Haiko fa ze vitanao farany ro lako noho ze vitanao velohany.²⁰Nefa zao ro hanoherako anao: Leferinao azy ampela Zezebela iny, ze mikaiky ty vatany iny to-resaky ampela iny. Amy ty alala ty fampianarany ro mamitaky mpiasako rey ie mba hahehilohanaho hihina hany anovy soro ho ahy ty sampy rey. ²¹Nanome fotoa mba hibebahany Zaho, nefa tsy mety hibebaky ty amy ty faherezaloha ie.²²Ingo! Hanoviko marary ampandrea eo ie, sady ze maheriloha miarakany aminy rey ro hampijaleako maré, laha tsy mibebaky amy ty asa raty azy ampela iny ndrozy. ²³Ho vonoko ho maty anany rey, sady egilizy iaby rey ro hahay fa Zaho azy mahita ty fieretsereta noho fehetsesham-po. Hameako manahaky ty asanareo kirai-draiky iaby nareo.²⁴Fa ty aminareo ze sisa a-Tyatira ao, ze iaby tsy mitandraky fampianara zao, noho tsy mahay ze kaiky ty ilany hoe sain-daliky i Satana— Zao ro volaniko aminareo hozao: "Tsy vesariko enta hafa nareo."²⁵Ndra zay aza, tsy maintsy mitandraky maré ty finoanareo nareo zisiky-iaviako.²⁶Azy raiky ze maharesy noho ze manao ze fa vitako zisiky amy ty farany iny, le hameako azy ty fahefa amy ty firenea iaby. ²⁷Hanapaky amin-drozy eo miarakany amy ty tehim-by ie, manahaky ty fanorotoroa valany tany ro hanatoroako androzy.²⁸Manahaky ty nandrambesako baka amy ty Babako, ro hanomezako azy basia maray avao koa. ²⁹Engao azy raiky ze manan-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy ho ahy ty egilizy."

Chapter 3

¹Sorato ho ahy ty anjely ty egilizy any Sardisy hozao: 'Zao ro safa ty azy mitandraky Fanahy fiton-Janahary iny rey noho basia fito rey. "Haiko ze nanovinao. Malaza ho velo iha, nefa iha maty. ²Mifohaza sady ampaherezo ze tavela, fa ho maty, safe tsy hitako tanteraky asanao rey amason-Janahary eo. ³Tiarovo, laha zay, ze nirambesinareo noho renareo. Enkeo zay, sady mibebaha. Fa laha tsy mifoha nareo, le ho avy manahaky ty mpangalatsy Zaho, sady tsy ho hainareo ty ora hiaviako aminareo. ⁴Fa misy anaran'olo kelikely a-Sardisy any ze tsy nandoto ty salotsin-drozy. Handeha hiaraky amiko ndrozy, misalora foty, safe maeva. ⁵Azy raiky ze maharesy iny ro ho ampisalory foty, sady tsy hamafa ty anarany amy ty Boky ty Fiaina ao mihintsy Zaho, sady hivola ty anarany anila ty Babako eo, noho anila anjely rey eo. ⁶Engao ze manan-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy amy egilizy rey. ""⁷"Sorati ho ahy ty anjely ty egilizy a-Filadelfia any hozao: 'Zao ro safa azy raiky ze masy noho marina iny_ ie ro mitandraky ty lakile i Davida, ie ro mamoha sady tsy misy ndra ia ndra ia manily, ie ro manily sady tsy misy ndra ia ndra ia afaky mamoha. ⁸"Haiko ze vitanareo. Ingo, nametsahako varavara mivoha alohanareo eo ze tsy afaky hilý ndra ia ndra ia. Haiko fa mana hery kelikely nareo, ka le nanenky ty safako sady tsy nandà ty anarako. ⁹Ingo! Ze ahy ty synagoga ty Satana rey, ze mivola fa Jiosy ndrozy nefa tsy ie vatany rey; fa mavandy koa ndrozy. Hanoviko hoavy ka le hiondriky an-tombonao eo ndrozy, sady ho avy ndrozy mba hahay fa nitea anao Zaho. ¹⁰Safe fa niemby ty liliko tamy ty fahareta nareo, le hiaro anareo amy ty andro fitsapa ze fa ho avy amy tany iaby toy avao koa Zaho, mba hitsapa ze miay anabo ty tany rey eo. ¹¹Ho avy tsy ho ela Zaho. Tandraho maré ze hanananao mba tsy hisy afaky hangalaky ty satso-boninahitsinao. ¹²Anoviko andry amy ty egilizy ty Njanahariko eo ze mandresy, sady tsy hiala eo mihintsy ie. Ho soratiko aminy eo ty anaran-Janahariko, azy anara ty tanà ty Njanahariko iny (azy Jerosalemavaovao iny, ze mijotso baka an-danitsy any iny baka amy ty Njanahariko any), noho ty anarako vaovao. ¹³Engao ze manan-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy amy ty egilizy rey. ""¹⁴"Sorato ho ahy ty zanjely ty egilizy a-Laodikia any hozao: "Zao ro safa ty Ameny, azy vavolombelo matoky noho marina iny, azy mpanapaky ty raha-boarin-Janahary iny. ¹⁵"Haiko ze nanovinareo, sady tsy manintsy ndra mafana nareo. Maniry Zaho mba ho manintsy ndra mafana nareo! ¹⁶Laha zay, safe nareo matimaty_ sady tsy mafana ro tsy manintsy_le fa haloa ty vavako nareo. ¹⁷Fa hoasa nareo hozao: 'Manan-kanana zaho, nana fitaova lako, ka le tsy mila ndra ino ndra ino.' Fe tsy hainareo fa nareo ro tena mijaly, mampalahelo, mijaly, jiky sady mitandraky. ¹⁸Janjino ty torohevitsiko: Mivilia volamena voalio tamy ty afo amiko mba ho avy mpanan-kanana nareo, sady siky foty mipiriaky mba ho afaky mampisalotsy ty vatanareo nareo ka le tsy hampitoto ty henatsy ty fitandrahanareo, sady hanosotsy ty masonareo mba hahitanareo. ¹⁹Ampiofaniko ty kirai-draiky iaby ze teako, sady hampianariko androzy ty fomba tokony hiainan-drozy. Laha zay, mazotoa sady mibebaha. ²⁰Ingo, mitsangana amy ty varavara eto Zaho sady mandondoa. Laha misy mahare ty feoko ka le mamoha ty varavara, le ho avy an-tsanony ao Zaho ka le hihina miarakany aminy, sady ie miarakany amiko. ²¹Azy raiky ze mandesy, hameako azy ty zo hipetsaky miarakany amiko amy ty seza fipetsahako eo, mahahaky ty nandreseko koa ka le nipetsahako niarakany tamy ty Babako tamy ty seza fipetsahany eo. ²²Engao ze manan-tsofy hijanjy ze volany ty Fanahy amy ty egilizy rey. ""

Chapter 4

¹Tafara raha zay le nanenty zaho, sady nahita varavara raiky nivoha tamy ty lanitsy eny. Ty feo velohany ze reko ro niresaky tamiko manahaky ty trompetra, nanao hozo: "Miakara etoy, sady ho atoroko anao ze tsy maintsy hitsanga afara raha rey." ²Nisy fotoa zaho voatariky ty Fanahy, sady nahita fa nisy seza fipetsaha nipetsaky tamy ty lanitsy eny, nosy olo nipetsaky tanabo zay eo. ³Azy raiky ze nipetsaky tanabony eo le miendry manahaky ty jaspas noho karneola. Nisy avana niodidy ty seza fipetsaha. Azy avana iny ro miendriky manahaky ty emeraoda. ⁴Nisy seza fipetsaha ropolo efatsy amby niodidy azt seza fipetsaha iny, sady olo-bey ropolo efatsy amby ro nipetsaky tanabo seza fipetsaha eo, nisalotsy foty, niaraky tamy ty satso-boninahitsy volamena tamy ty lohandrozy eny. ⁵Baka amy azy seza fipetsaha iny ro nisy tsela-pahazava, kotsoky, sady kotso-baratsy. Nisy jiro fito nirehitsy taloha ty seza fipetsaha eo, jiro ze fanahy fiton-Janahary ⁶Taloha ty seza fipetsaha ro nisy riaky fitaratsy, manahaky ty kristaly. raha-manan'ay efatsy rey ro tanivo ty seza fipetsaha noho niodidy zay, atsiky maso, talohany noho tan-dambosiny eo. ⁷Azy raha-manan'ay velohany iny ro manahaky ty liona, azy raha-manan'ay faharoe manahaky ty anak'aomby iny, azy raha-manan'ay fahatelo iny ro manahaky olo, sady azy raha-manan'ay faha efatsy manahaky ty voro-mahery mitily iny. ⁸Raha-manan'ay efatsy rey ro samby mana elatsy eny iaby, atsiky maso ty anabo noho ty ambany. Andro noho haly ndrozy ro tsy mijano mivola hozo: "Masy, masy, masy azy Tompo Njanahary Tsitoha ze nisy iny, noho misy, sady mbola ho avy." ⁹Ndra ombia ndra ombia raha-manan'ay rey ro hanome voninahitsy, laza, sady fisaora an'i azy raiky ze mipetsaky any ty seza fipetsaha eo, azy raiky ze velo zisiky farany biby iny, ¹⁰olo-bey ropolo efatsy amby rey ro nampandohaliky ty vatandrozy aloha azy raiky ze mipetsaky amy ty seza fipetsaha iny eo. Mandohaliky amy azy raiky ze velo zisiky farany biby iny eo ndrozy, sady nanoraky ty satso-boninahitsin-drozy taloha ty seza fipetsaha eo, mivola hozo: ¹¹"Maeva iha, Tomponay noho Njanaharinay, handramby ty voninahitsy noho ty laza sady ty hery. Fa Iha ro namoro ty raha iaby, sady tamy ty alala ty sitsapo, ro nisy androzy sady nihare."

Chapter 5

¹Sady ty tanan-kavana azy raiky ze nipetsaky tamy ty seza fipetsaha iny eo zaho, taratasy lako voasoratsy aloha eo noho afara ao. Sady nifehezy tamy ty tampô fito zay. ²Nahita anjely mahery nanambara tamy ty feo mahery manambara tamy ty feo maré zaho, nivola hozao: "Ia ro maeva ty hamoha ty taratasy lako sady hamoha ty tampô zay?"³Tsy misy olo baka an-danitsy ndra an-tany eto ndra ambany ty tany ka le afaky hamoha ty taratasy lako ndra hamaky zay. ⁴Nitany maré zaho- safe tsy nisy olo hita maeva ty hamoha ty taratasy lako ndra hamaky zay. ⁵Nefa raiky tamy olo bey rey nivola tamiko hozao: "Ka mitany. Ingo! Azy liona ty foko i Joda iny, azy solofo i Davida iny, le nandresy. Afaky ty hamoha ty taratasy lako noho tampô fito rey ie." ⁶Nahita Anak'aondry mitsanga anivo ty seza fipetsaha eo noho raha-manan'ay efatsy sady anivo olo-bey rey eo zaho. Manahaky ty hoe olo nivonoe ie. Nana tsifa fito noho maso fito ie; ndrozy ro fanahy fiton-Janahary nefa nameno ty tany. ⁷Nandeha ie sady nangalaky azy taratasy lako iny tamy ty tanan-kavana azy raiky ze nipetsaky tamy ty seza fipetsaha eo iny. ⁸Lafa nirambesy azy Anak'aondry azy taratasy lako iny, raha-manan'ay efatsy rey noho olo-bey ropolo efatsy amby rey le nampandohaliky ty vatan-drozy talohany eo. Samby nana lokanga noho lovia volamena atsiky emboky manitsy iaby ty kirai-draiky tamin-drozy, ze vavaky ty mpino rey. ⁹Nihira hira vaovao ndrozy: "Maeva ty handramby an'i azy taratasy lako iny iha sady hamoha ty tampô zay. Fa iha ro nivonoe, sady tamy fy rano ro nivilia an'i olon-Janahary iaby tamy ty foko, fivolana, olo rey, sady firenea iaby. ¹⁰Nanovinao fanjaka noho mpisoro ndrozy mba hanompo an-Janahary, sady hanjaka an-tany eto." ¹¹Bakeo zaho ro nahita noho nahare feo anjely lako niodidy ty seza fipetsaha noho raha-manan'ay rey sady olobey rey. Ty fiharoa ndrozy ro aman'aliny. ¹²Nivola tamy ty feo mare ndrozy hozao: "Maeva lahy ze Anak'aondry ze nivonoe mbz handramby fahefa iny, hanana, fahendrea, hery, laza, voninahitsy, sasy dera." ¹³Nahare raha voaforo iaby ze tan-danitsy any noho tan-tany eto sady an-driaky any zaho- ty raha iaby tanay rey ao- nivola hozao: " Ho ahy azy raiky ze mipetsaky amy ty seza fipetsaha iny noho ho ahy azy Anak'aondry iny, lahy ty dera, ty laza, ty voninahitsy, sady ty fahefa hibeko, zisiky farany bibike." ¹⁴Raha manan'ay efatsy rey, nivola hozao: "Ameny!" Sady olo-bey nandohaliky noho nivavaky rey. [Fanamariha: Ty ilany amy dikan-tsafa taloha rey ro mivaky hozao: "Olo-bey efapolo roa amby rey ro nandohaliky noho nanompo an'iazay raiky ze velo zisiky farany bibiky iny."]

Chapter 6

¹Lafa namoha ty raiky tamy tampô fito rey fy Anak'aondry le nanenty zaho, sady nahare ty raiky tamy ty raha-manan'ay efatsy tamy ty feo ty hotsoky rey zaho nivola hozao: "Avia!" ²Nanenty zaho sady nisy sovaly foty teo. Ty mpiondra zay ro nitandraky kititsy, sady namea satso-boninahitsy ie. Niboaky manahaky ty mpandresy ie mba handresy. ³Lafa namoha ty tampô faharoe ty Anak'aondry, le nahare ty raha-manan'ay faharoe zaho nivola hozao: "Avia!" ⁴Le nisy sovaly hafa niboaky- mirehity mena. Ty mpiondra zay ro namea alala hangalaky ty fiadana amy ty tany, mba hifamono ty olony. Mpiondra io ro namea meso-bey bevata. ⁵Lafa namoha ty tampô fahatelo ty Anak'aondry, le nahare ty raha-manan'ay fahatelo zaho nivola hozao: "Avia!" Nahita sovaly mainty zaho, sady ty mpiondra zay ro nitandraky safa an-tanany eny. ⁶Nahare manahaky ty feo tamy ty raha-manan'ay efatsy zaho nivola hozao: "Ty vary era ty fatram-bary ho ahy ty denaria raiky, sady ty hordea in-telo ty fatram-bary ho ahy ty denaria raiky. Fa ka mampiray ty menaky noho ty divay." ⁷Lafa namoha ty tampô faha efatsy ty Anak'aondry, le nahare ty feo ty raha-manan'ay faha efatsy zaho nivola hozao: "Avia!" ⁸Le nahita sovaly hatsatsa zaho. Ty mpiondra zay ro nikaiky hoe Fahafatesa, sady Fanasa rey ro nanoriky azy. Namea fahefa amy ty ampaha-efatsy ty tany ndrozy, mba hamono amy ty meso-bey, hamosary noho arety, sady amy bibi-li ty tany rey. ⁹Lafa namoha ty tampô faha limy ty Anak'aondry, le hitako tambany alitara ao fanahy ze nivonoe rey noho ty safan-Janahary rey noho ty fitsangana vavolombelo ze nitandrahan-drozy rey. ¹⁰Nikoraky tamy ty feo maré ndrozy hozao: "Zisiky ombia, Mpanapaky anabo ty iaby masy noho marina, ro hitsaranao ze miay an-tany eto rey, noho hamalianao faty ty lionay?" ¹¹Le namea salotsy lava ty kirai-draiky tamin-drozy, sady nivolaniny ndrozy f tokony handiny kelikely zisiky-hazahoa ty isa atsiky mpiara-mipetsakin-drozy rey noho ty rahalahy noho anabavin-drozy rey, manahaky ty namonoa androzy. ¹²Lafa namoha ty tampô faha eny ty Anak'aondry, le nanenty zaho sady nisy horohoron-tany bevata. Nanjary mainty manahaky ty siky fisaona ty masoandro, sady ty vola fenomana ro nanjary manahakay ty lio. ¹³Basia tamy ty lanitsy eny rey ro nilavo tan-tany etoy, manahaky ty aviavy manitsy ty voany manta lafa ahetsiky ty tsioky mahery. ¹⁴Ty lanitsy ro nanjavo manahaky ty taratasy lako ze nahoronkoro. Ty vohitsy noho ty nosy iaby ro nalà tamy ty tany eo. ¹⁵Bakeo mpanjaka ty tany rey noho ty olo manan-danja, noho jeneraly rey, ty mpanan-kanana, ty mahery, sady ty hafa iaby, andevo noho afaky, nivony tanay lava-bato ao rey noho tamy ty lafiam-bato ty vohitsy rey. ¹⁶Nivola tamy vohitsy noho tamy lafiam-bato rey ndrozy hozao: "Lavo aminay! Avonio amy ty tarehy azy raiky zecmipetsaky amy ty seza fipetsaha noho amy ty heloky ty Anak'aondry rey eo zahay. ¹⁷Fa Niavy ty andro bevata ty helokin-drozy. Ia ro hahavita hiaritsy?"

Chapter 7

¹Tafara zay robnahita anjely efatsy nitsanga tamy ty zoro fany efatsy rey eo zaho, nanohitsy mare ty tsioky efatsy ty tany, mba tsy hisy tsioky hitsoky amy ty tany, amy ty riaky, ndra hifanohitsy amy ty hazo iaby. ²Nahita anhely hafa zaho niakatsy baka antinana any, ze nana ty tampôn-Janahary velo. Nikoraky tamy ty feo mare tamy anjely efatsy ze nahazo alala hanimba ty tany noho ty riaky rey ie hozao: ³"Ka simbà ty tany, ty riaky, ndra hazo zisiku hanisiansika ty tampô amy ty handry ty mpiasan-Janahary eo rey." ⁴Nahare ty isa ze vita tampô zaho: 144, 000, ro vita tampô baka amy ty foko ty olon'Israely iaby: ⁵Roa arivo noho ray aly ro vita tampô vaka amy ty foko i Joda, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Robena, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Gada, ⁶roa arivo noho raiy aly baka amy ty foko i Asera, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Naftaly, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Manase. ⁷roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Simeona, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Levy, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Isakara, ⁸roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Zebolona, roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Josefa, sady roa arivo noho ray aly baka amy ty foko i Benjamina ro vita tampô. ⁹fara raha rey le nanenty zaho, sady nisy olo lako maré ze tsy hay isahy--- baka amy ty firenea, foko, olo, sady fivolana iaby--- nitsanga taloha ty seza fipetsaha eo noho taloha ty Anak'aondry eo. Nanao salotsy lava foty noho mitandraky sampan-drofia tamy ty tanan-drozy eny, ¹⁰sady nikaiky maré tamy ty feo maré ndrozy rey nanao hozao: "Ty famonjea ro an-Janaharintsika ze mipetsaky anabo ty seza fipetsaha eo, noho ahy ty Anak'aondry!" ¹¹Ty anjely iaby nitsanga miodidy ty seza fipetsaha noho miodidy olo-bey rey noho ty raha-manan'ay efatsy, sady ndrozy ro nampandohaliky ty tarehin-drozy taloha ty seza fipetsaha eo. Nivavaky tamin-Janahary ndrozy nanao hozao: ¹²nanao hozao: "Ameny! Dera, voninatsy, fahendrea, fisaora, fahefa, sady ty hery lahy ho an-Janaharintsika zisiky farany maré! Ameny!" ¹³Bakeo ty raiky tamy olo-bey rey nanontany ahy hozao: "Ia rey, misiky salotsy foty, sady baka aia ndrozy?" ¹⁴Hoy zaho taminy: "Tompoko, Iha mahay," sady hoy ie tamiko: "Rey ro hiboaky baka amy ty Fijalea Bevata. Nisasan-drozy ty salotsy lavany sady nifotý tamy ty lio ty Anak'aondry." ¹⁵Laha antony zay, le aloha ty seza fipetsahan-Janahary eo ndrozy, noho mivavaky aminy andro noho haly amy fy egiliziny ao. Ty raiky ze nipetsaky tamy ty seza fipetsaha eo ro hamelatsy ty lainy amin-drozy. ¹⁶Tsy ho mosary sasy ndrozy, ndra hangetaheta ndraiky. Twy hamango azy ty masoandro, ndra ty hafana mandoro. ¹⁷Fa ty Anak'aondry anivo ty seza fipetsaha rey ro ho mpiemby androzy noho hitari-dala azy amy ty loharano ty rano velo rey any, sady hofafan-Janahary ty ranomaso iaby amy ty mason-drozy."

Chapter 8

¹Lafa nivahiny azy Anak'aondry ty tampô faha fito iny, le nisy tsy fivolana tan-danitsy any tamy ty antsasaky ora teo. ²bakeo le hitako anjely fito ze nitsanga talohan-Janahary eo rey, sady namea trompetra fito ndrozy.³Nisy anjely hafa niavy, nitandraky lovia volamena fandoroa lintan-kazo manitsy, nitsanga tanabo ty alitara eo. Lintan-kazo manitsy lako ro namea azy mba hanomezany zay mbamy ty vavaky ty mpino iaby anabo ty alitara volamena fandoroa lintan-kazo manitsy aloha fy sezam-boninahitsy rey eo. ⁴Ty setsoky azy lintan-kazo manitsy iny, mbamy tyvavaky mpino rey, le niakatsy talohan-Janahary eo baka amy ty tana ty anjely. ⁵Nangalaky azy lovia fandoroa lintan-kazo manitsy iny azy anjely iny sady nanatsiky zay tamy ty afo baka amy ty aliatara eo. Bakeo natorakiny tamy ty tany zay, sady nisy kotso-baratsy, hotsoiky, helatsy, sady taratasy lako.⁶Anjely fito ze nana trompetra fito rey ro nioma hitsoky zay. ⁷Nitsoky ty trompetra azy anjely velohany iny, sady nisy havandra noho afo miharo lio. Natoraky tan-tany etoy zay mba ho hirehitsy ty ampahatelo zay, mirehitsy akata-maintso. (Fanamariha: Ty ilany amy lintan-kazo taloha rey ro mangalaky ty hozao: " mba hirehitsy ty ampahatelo zay.")⁸Nitsoky ty trompetra azy anjely faharoe iny, sady nisy raha manahaky ty vohitsy bevata nirehitsy afo natora tan-driaky any.Nanjary ljo ty ampahatelo ty riaky, ⁹maty ty ampahatelo ty raha-manan'ay tan-driaky ao, sady rava ty ampahatelo ty sambo rey.¹⁰Nitsoky ty trompetra azy anjely fahatelo iny, sady nisy basia bevata nilatsaky baka an-danitsy any, mirehitsy manahaky ty fanilo, tamy ty ampahatelo renirano noho loharano rey. ¹¹Raha-mangily ro anara azy rano basia iny, sady olo lako maty tamy azy rano ze nanjary nangily iny.¹²Nitsoky ty trompetra azy anjely faha-efatsy iny, sady niova ty ampahateli ty masoandro, manahaky ty ampahatelo ty vola noho ty ampahatelo basia rey. Laha zay le manjary mainty ty ampahatelo rey; tsy nisy hazava ty ampahatelo ty andro noho ty ampahatelo ty haly.¹³Nanenty zaho, sady nahare voro-mahery ze nitily tanivo ty lanitsy eny, nikaiky tamy ty feo mahery hozao: "'Loza, loza, loza, ho an'i ze mipetsaky amy ty tany rey eny, noho ty feo trompetra sisa ze fa ho tsiofy anjely telo rey."

Chapter 9

¹Nampitoro ty trompetrany ty anjely faha limy. Nahita basia baka an-danitsy any zaho ze nilavo tamy ty tany eny. Azy basia iny ro nanome ty lakils azy lavaky tsy hita mosary iny. ²Nisokafiny ty setsoky niboaky tamy ty lavaky manahaky ty setsoky baka amy ty laforo bevata ao. Nivaliky maloky ty masoandro noho ty tsioky noho ty setsoky niboaky tan-davaky ao. ³Baka amy ty setsoky ro niavia galala rey tanabo ty tany eto, sady namea hery manahaky ty ahy ty fatiky tanabo ty tany eto ndrozy. ⁴Nivolany ndrozy tsy hanimba ty akata tanabo ty tany eto ndra raha-mitiry maintso rey ndra hazo, fa olo ze tsy mana tampõn-Janahary rey amy ty handrin-drozy eo avao. ⁵Tsy nahazo alala ty hamono olo rey ndrozy, fa hampijaly androzy anay ty limy vola avao. Ty fahararin-drozy ro hanahaky ty tomboky ty fatiky lafa mahazo olo. ⁶Amy ty andro rey ro hila fahafatesa ty olo, fa tsy hahita zay. Haniry ty ho maty maré ndrozy, nefa hilay androzy ty fahafatesa. ⁷Manahaky ty sovaly nomany taky ty aly galala rey. Tamy ty lohan-drozy le nisy raha manahaky ty satso-boninahitsy volamena, sady ty tarehin-drozy ro hanahaky ty raehin'olombelo. ⁸Nana volo mahahaky ty volon'ampela ndrozy, sady ty hin-drozy ro hanahaky ty hý ty liona rey. ⁹Nana fiarovan-tsatsa manahaky ty fiarova-tsatsa vy ndrozy, sady ty feo ty elatsin-drozy ro hanahaky ty feo ty kalesa noho sovaly lako milay ho amy ty aly any. ¹⁰Nana hohy nisy fitomboha manahaky ty fatiky ndrozy; amy ty hohin-drozy ao ro misy ty hery hanimba ty olo anay ty limy vola. ¹¹Nana mpanjaka ndrozy le azy anjely lavaky tsy hita mosary iny. Ty anarany tamy ty safa Hebreo ro Abadona, sady ty anarany tamy ty safa grika le i Apolyona. ¹²Lasa ty loza velohany. Ingo! afara zao ro mbo hisy loza roe ho avy. ¹³Nampaneno ty trompetra azy anjely faha eny iny, sady nahare ty feo niboaky tamy ty tsifa ty alitara volamena ze fa nisy tanilan-Janahary eo zaho. ¹⁴Sady nivola tamy azy anjely faha eny iny azy feo manao hozao iny: "Abotoro anjely ze mifehy amy azy renirano bevata ty Eofrata rey any iny." ¹⁵Anjely efatsy ze fa nomany tamy ora zay iny, andro zay, vola zay, sady tao zay, ro nabototsy mba hamono ty ampahatelo ty olombelo. ¹⁶Ty hisa maramila niondra-sovaly rey le 200, 000, 000. Nahare hisa rey zaho. ¹⁷Manahaky zay ro fomba nahitako sovaly rey tamy ty fahitako noho ze niondra tamin-drozy rey eo: Fiarovan-tsatsan-drozy rey ro mirehitsy mena, bole antitsy sady solifara mavo. Nitovy tamy ty loha liona rey ty loha sovaly rey, sady ty niboaha baka ambanin-drozy ao ro afo, setsoky, sady solifara. ¹⁸Sady ty ampahatelo olo rey ro maty ty loza telo: ty afo, ty setsoky, sady ty solifara ze niboaky baka am-bavan-drozy ao. ¹⁹Fa ty hery sovaly rey ro baka amy ty vavan-drozy ao noho tamy ty hohin-drozy ao - fa ty rambon-drozy ro manahaky ty bibilava, sady nana loha ze afaky mandratsy olo ndrozy. ²⁰Ty ambany olombelo rey, ze tsy maty loza rey, ro tsy nibebaky tamy asa ze vitan-drozy, ndra nijano nanompo demony rey noho sampy volamena, volafoty, saba, vato, sady hazo- raha ze tsy hita maso rey, re, ndra mandeha. ²¹Ndrozy ro mbo tsy nibebaky tamy ty asa famonoa, ty famorehan-drozy, ty heriloha ndra asa fangalaran-drozy rey.

Chapter 10

¹Bakeo zaho le nahita anjely mahery hafa nijotsi baka an-danitsy any. Tanay raho ao ie, sady nisy avana tanabo ty lohany eo. Ty tarehiny ro mitovy masoandro sady ty tombony ro manahaky ty voan'afo. ²Mitandraky taratasy-lako kelikely mivelatsy amy ty tanany ie, sady mampipetsaky ty tombony havana amy ty riaky noho ty tombony havia amy ty tany. ³Bakeo ie le nikoraky tany ty feo maré manahaky ty fierotsy ty liona. Lafa nikoraky ie, le nihotsoky marr tany ty feony hotsoky fito. ⁴Lafa nihotsoky ty hotsoky fito, le tanay ty fanorata eo zaho, fa nahare feo baka an-danitsy any zaho nibola hozao: "Tandraho ho sekire ze nivolany ty hotsoky fito. Ka soraty zay." ⁵Bakeo azy anjely hitako nitsanga tanabo riaky eo noho tany ty tany eo iny, nanondrotsy ty tanany havana tan-danitsy any. ⁶Ie nifanta tany azy raiky ze velo zisiky farany maré iny, ze namoro ty lanitsy noho ze iaby anay zay ao, ty tany noho ze iaby anay zay ao, sady ty riaky noho ze iaby anay zay ao, sady azy anjely nivola hozao iny: "Tsy hisy fandinasa sasy. ⁷Fa amy ty andro raiky lafa hampaneno ty trompetrany ty anjely fahafito, le ho tanteraky ty ifotsin-Janahary, manahaky ty nambarany tany ty olo to-resaky ty mpiasany rey." ⁸Azy feo ze reko baka wnanitsy any iny nivola tamiko ndraiky hozao: "Mandehana, alao azy taratasy-lako mivelatsy ze an-tana azy anjely mitsanga anabo riaky rey eo iny noho ambany ty tany." ⁹Bakeo le nandeha nana amy azy anjely iny any zaho sady nivola taminy mba hanome ahy azy taratasy-lako kelikely iny. Hoy ie tamiko: "Rambeso ty taratasy-lako sady hano zay. Hangily ty an-tsarotsonao ao zay, fa am-bavanao ao ro ho mamy manahaky ty tantely zay." ¹⁰Nalako tany ty tana azy anjely iny taratasy-lako kelikely sady nihaniko zay. Mamy manahaky ty tantely tam-bavako ao zay, fa tafara ty nihinanako azy, le nanjary nangily ty tan-tsarotsoko ao. ¹¹Bakeo nisy olo raikh nivola tamiko hozao: "Tsy maintsy to-resaky ndraiky iha mikasiky olo lako rey, firehea rey, fivolana rey, sady mpanjaka rey."

Chapter 11

¹Namew volotara mba hampiasa manahaky ty tehy zaho. Nivolany tamiko hozao: "Mitsangana sady metaro ty egilizin-Janahary noho aliatara, sady ze mivavaky ao rey. ²Fa ka metary ty kianja ambaliky ty egilizy eo, fa namea an'i Jentilisa rey zay. Hanitsaky ty tanà masy anay ty eapolo roa amby vola ndrozy.³Hameako vavolombeloko roe rey ty fahefa ho to-resaky anay ty 1, 260 andro, nisalotsy siky fisaona." ⁴Vavolombelo rey ro hazon'oliva roe noho ty fipetsahan-jiro roe ze nitsanga tanila ty Tompo ty tany eo. ⁵Laha misy olo mitingy handratsy androzy, le miboaky afo ty vavan-drozy hihina fahavalon-drozy rey. Ndra ia ndra ia maniry ty handratsy androzy le tsy maintsy hovonoe amy fomba zay.⁶Vavolombelo rey ro mana fahefa hanily ty lanitsy mba tsy hilatsaha ty ora anay ty andro hananova resaky toan-drozy. Manam-pahefa ndrozy hanova ty rano ho lio noho hamango ty tany amy ty karaza loza iaby ndra ombia ndra ombia irin-drozy. ⁷Lafa ho vita ty fitsanganan-drozy vavolombelo, le miakatsy baka anay lavaky tsy hita mosary ao azy bibi-li hialy hanohitsy androzy iny. Handresy androzy Ie sady hamono androzy.⁸Hiampatsy amy ty lala ty tanà-bevata eny ty fatin-drozy (ze kaihe avao koa hoe Sodoma noho Egypta) ze nantofa ty Tompon-drozy. ⁹Hanenty ty fatin-drozy anay ty telo andro noho tampany ty olo, ty foko, fivolana, sady ty firenea iaby. Tsy hengan-drozy ajano an-dolo ao rey¹⁰Ze miay anabo ty tany eo rey ro hifaly amin-drozy sady hankalaza. Hifandefa fanomeza mihintsy aza ndrozy safe nampijaly ze miay anabo ty tany rey olo to-resaky roe rey. ¹¹Fa afaky telo andro noho tampany le hilitry amin-drozy ao ty imbon'ay baka amin-Janahary, sady hitsanga amy ty tombokiny rozy. Hilatsaky amy ze mahita androzy ty tahotsy bevata rey. ¹²Bakeo le hahare feo maré baka an-danitsy any ndrozy mivola androzy hozao: "Miakara eto!" Bakeo le hiakatsy ho an-danitsy any anay raho ao ndrozy, laha mbo manenty tany fahavalon-drozy rey.¹³Amy ora zay le hisy hotohorontany maré, sady hirobaky ty ampahafolo ty tanà. Fito arivo ty olo ho maty amy azy horohorontany iny, sady ho hatahotsy olo sisa tsy maty rey sady hanome voninahitsy an-Janahary ty lanitsy. ¹⁴Lasa ty loza faha roe. Ingo! niavy malaky ty loza faha telo. ¹⁵Bakeo le nampaneno ty trompetra ty anjely faha fito, sady nisy feo maré nivola tan-danitsy any nanao hozao: "Hanjary fanjaka ty Tompontosika noho ty Kristy ty fanjaka ty tany iaby toy. Ie ro hanjaka zisiky farany maré." ¹⁶Bakeo olo-bey ropolo efatsy amby ze nipetsaky tany ty seza fipetsahan-drozy eo rey tanilan-Janahary eo ro nampandohaliky ty vatan-drozy. Nankalaza an-Janahary ndrozy. Nankalaza an-Janahary ndrozy. ¹⁷Hoy ndrozy: "Manome fisaora Anao zahay, Tompo Njanahary Tsitoha, azy amy zao noho taloha, safe nangalaky ty herinao bevata iha sady nanomboky nanjaka. (Fanamariha: Ty ilany amy dikan-tsafa taloha rey ro mibaky hozao: Ty mpanapaky ty iaby, azy amy zao noho taloha iny, sady azy ho avy iny, fa ty dikan-tsafa amy fotoa zao tsy hanahaky zay.)¹⁸Meloky maré firenea rey, nefa avy ty helokinareo. Niavy ty fotoa hitsara ty maty noho hamalianao soa olo to-resaky mpiasanao rey, ze mpino rey, noho ze natahotsy ty anaranao rey, ndra ty tsy manan-danja ndra ty mahery. Niavy ty fotoa handravanao ze manimba ty tany rey."¹⁹Bakeo le nivoha ty egilizin-Janahary tan-danitsy any sady hita ty tobily ty fifanenkea anay egiliziny ao. Nisy helatsy-fahazava, hotsoky, hotsokora, horohorontany, sady havandra bevata tao,

Chapter 12

¹Fahaiza bevata ro hita tan-danitsy any: ampela nisiky ty masoandro, sady ty vola tambany ty tombokiny eo, sady satso-boninahitsy vita tamby ty basia folo roa amby ro tamby ty lohany eo. ²Bevoka ie, sady nikoraky marr fa ho teraky, anay ty fihstisy ty aja antsarotsony ao. ³Bakeo nisy fahaiza hafa niboaky tan-danitsy any: Ingo! nisy dragona mena bevata-bey ze nana loha fito noho tsifa folo, sady nisy satso-boninahitsy fito tamby lohany rey eo. ⁴Ty hohiny ro nifaoky ty ampahatelo ty basia tan-danitsy any sady nanoraky androzy tamby ty tany eny. Azy dragona nitsanga taloha azy ampela ze fa ho teraky iny, ka lafa teraky ie, le afaky handrapaky ty anany ie. ⁵Niteraky aja kelikely ie, ze hanapaky ty firenea iaby miaraky amy ty tehim-by. Ty anakiny ro nala forise ho amin-Janahary any noho amy ty seza fipetsahany any, ⁶sady azy ampela iny ro nilay nana ambaliky any, ze nisy toera fa nihoman-Janahary ho azy, ka le ho voakarakara anay ty 1260 andro ie. ⁷Sady nisy aly tan-danitsy any. Mikaela noho anjeliny rey ro nialy tamby dragona iny; sady azy dragona iny noho ty anjely ro namaly aly. ⁸Fa tsy le natanjaky azy dragona iny ka le tsy naharesy. Ka le tsy nisy toera ho azy noho anjeliny rey sasy tan-danitsy any. ⁹Azy dragona bevata iny --- ze mameno fa ela nikaihe hoe devoly ndra Satana, azy namitaky an'i tahy iaby toy ---le natoraky tanabo ty tany eny, sady anjeliny rey ro natoraky niaraky aminy. ¹⁰Bakeo nahare feo maré baka andanitsy any zaho: "Amy zao le avy ty famonjea, ty hery, ty fanjakan-Janaharintsika sady ty fahefa i Kristiny. Fa ty mpahazo ty rahalahintsika ro natoraky tambany any, azy raiky ze mahazo androzy andro noho haly anilan-Janaharintsika eo iny. ¹¹Ndrozy ro naharesy azy tamby ty luo ty Anak'aondry noho tamby ty safa fitsangan-drozy vavolombelo, fa tsy nitea ty fiainany sasy ndrozy ndra ho maty aza. ¹²Laha zay, mifalea, nareo lanitsy e, noho ze iaby mipetsaky aminy ao. Fa miembena ty amy ty tany noho ty riaky safe ty devoly ro nijotso taminareo eo. Atsiky helo ie, safe hainy fa fotoa tsy ampy sisa ro hananany. ¹³Lafa nahay dragona iny fa nivangoa tamby ty tany ie, le nania azy ampela niteraky aja lahilahy iny ie. ¹⁴Fa azy ampela iny ro namea elatsy ro ry voromahery bevata, ka le afaky nitily nana amy azy toera nikarakara ho azy any iny tambaliky any. Io toera hijilova azy iny, anay ty telo tao noho tapany--- mba tsy ho hita azy manara iny. ¹⁵Nameako rano manahaky ty renirano tamby ty vavany azy menarana iny, ze hifaoky ampela iny. ¹⁶Fa ty tany nanampy ampela. Nivoha ty tany ty vavany sady le nateliny ty riaky ze nivaky ry vava azy dragona iny. ¹⁷Sady neloky tamin'ampela dragona iny ka le niala sady nila aly tamby ty amby tarihanay rey, ze manenky ty lilin-Janahary sady mitandraky ty fitsangana vavolombelo mikasiky an'i Jesosy. ¹⁸Bakeo nitsanga tanabo ty fasiky eo ty riaky azy dragona iny.

Chapter 13

¹Sady nahita bibi-li zaho nijotso baka amy ty riaky eny. Nana tsifa folo zay sady loha fito. Tamy ty tsifany eo ro nisy diadema folo, sady tamy ty lohany eo ro nisy anara fivolana-raty iaby. ²Azy bibi-li ze hitako iny ro manahaky ty leoparda. Ty tombony le manahaky ty tombo bera, sady ty vavany le manahaky ty vava ty liona. Azy dragona nanome azy ty heriny iny, ty seza fipetsahany, sady ty fahefany bevata hanapaky. ³y loha azy bibi-li raiky ro manahaky ty fa maty, nefa afaky azy ratsy saiky ho nahafaty azy iny. Sady tseriky ty tany iaby ka le nanoriky azy bibi-li iny. ⁴Sady le nandohaliky ka le tamy azy dragona eo ndrozy, safe ie ro nanome ty fahefany ho ahy ty bibi-li. Nandohaliky tamy azy bibi-li iny eo, ka le, ndrozy, sady nivola hozao: "Ia ro manahaky ty bibi-li?" sady "Ia ro afaky mila aminy?" ⁵Namea vava ze afaky mivola firengerengea noho fivolana-raty azy bibi-li. Namea alala ie mba hanao fahefa anay ty efapolo efatsy amby vola. ⁶Sady namoha ty vavany hivola raty an-Janahary azy bibi-li iny: nivola raty ty anarany, ty toera ze hipetsahany sady ze mipetsaky an-danitsy ao rey. ⁷Nenga hialy tamy mpino rey sady handresy androzy azy bibi-li iny. Sady ka le, ty fahefa ro namea azy mameno ty foko, ty olo, ty fivolana, sady ty firenea iaby. ⁸Handohaliky aminy eo iaby ze mipetsaky anabo ty tany eo, ze tsy voasoratsy anara rey, anay ty famorona tany iaby zao, amy ty Boky ty Fiaina ao, ze ahy ty Anak'aondry, ze fa nivonoe. ⁹ha misy manan-tsofy, Engao ie hijanjy. ¹⁰Laha misy nala gadra, le handeha amy ty fagadra ie. Laha misy nivonoe tamy ty meso-bey, amy ty meso-bey ro hamonoa azy. Toy ro kaiky ho ahy ty fahareta sady finoa ho ahy ze masy. ¹¹Sady nahita bibi-li hafa zaho niakatsy baka amy ty tany. Zay ro nana tsifa roe manahaky ty anak'aondry, sady nivola manahaky ty dragona. ¹²Nanoharany iaby ty fahefa iaby an'i azy bibi-li velohany iny anilany eo, sady ty tany noho ze mipetsaky aminy rey eo le anoviny mandohaliky amy azy bibi-li velohany eo--- azy raiky ze afaky tamy ty ratsy ho nahafaty azy iny. ¹³Nanao hatsereha lako bevata ie. Nampijotso afo baka an-danitsy any ho amy ty tany taloha ty olo eo. ¹⁴Tamy ty alala ty fahaiza ro namea alala anao zay, mamitaky an'i ze mipetsaky anabo ty tany rey zay. Nivola tamin-drozy zay mba hanambotsy sary ho voninahitsy ty bibi-li ze voaratsy ty meso-bey nefa vela? ¹⁵Nenga asia ay ty sary ty bibi-li mba ahafaha azy sary mivola iny sady ze iaby tsy manenky mandohaliky amy zay bibi-li ro nivonoe. ¹⁶Nanao forose ty kirai-draiky avao koa zay, ndra ty kelikely ndra ty bevata, ndra ty manan-kanana ndra ty mijaly, ndra ty tsy andevo ndra ty andevo, le mandramby ty mariky amy ty tana ankavana eo ndra amy ty andry eo. ¹⁷Tsy hisy olo mahazo mivily ndra mamarotsy zisiky-ahazoany ty mariky ty bibi-li, zay ro th hisa ty fanoroa ty anarany. ¹⁸Zay ro mitaky fahendrea. Laha misy olo manantsay, engao ie hanisa ty hisa ty bibi-li. Fa zay ro hisa ty olo. Hisa zay le 666.

Chapter 14

¹Nanenty zaho sady nahita ty Anak'aondry niondra tamy ty vohitsy Ziona eo. Niaraky taminy 144. 000 ze nana ty anarany noho anara ty Babany voasoratsy amy ty handrin-drozy eo. ²Naharé feo baka an-danitsy any manahaky ty firaondrao ty rano lako noho hotsoky maré zaho. Ty feo feko avao koa le manahaky ty mpititiky lokanga mititiky ty lokangany.³Nihira hira vaovao taloha ty seza fipetsaha eo noho taloha raha-manan'ay efatsy rey eo ndrozy. Tsy nisy ndra ia ndra afaky nianatsy ty hira hafa-tsy 144. 000 ze niviliany baka an-tany rey eto avao. ⁴Rey ro olo ze tsy nandoto ty vatan-drozy tamin'ampela, fa nitandraky ty vatany malio ara-nofotsy ndrozy. Zay ro ze manoriky ty Anak'aondry ndra ia ndra ia andehanany. Ie raiky ro nivily baka amy ty olombelo manahaky ty veloham-bokatsy ho ahin-Janahary noho ho ahy ty Anak'aondry. ⁵Tsy nisy vandy hita tamy ty sonin-drozy eo, tsy manan-tsiny ndrozy. [Fanamariha: Ty dikan-tsafa ilany manampy hozo: "taloha ty seza fipetsahan-Janahary eo"]⁶Nahita anjely hafa nijotso anabo zaho, ze nana ty hafatsy zisiky farany ty vaovai nahafaly hambara amy ze miay anabo ty tany eo- amy ty firenea, foko, fivolana, sady ty olo iaby. ⁷Nikaiky tamy ty feo mahery ie hozo: "Matahora an-Janahary sady manomeza voninahitsy Azy. Fa niavy ty ora ty fitsarany. Mivavaha Aminy, ty raiky ze nanao ty lanitsy, ty tany, ty riaky, sady ty loharano."⁸Nisy anjely hafa- ty anjely fahsroe- nanoriky nivola hozo: "Nilavo, nilavo Babylona bavata, ze nandresy lahatsy ty firenea iaby rey mba hino ty divay ty fandaism-bata malotony."⁹Nisy anjely hafa telo- nanoriky androzy, novola tamy ty feo maré hozo: "Laha miay mivavaky amy ty bibi-li noho ty sariny, sady mandramby ty famantara amy ty handriny ndra amy ty tanany eo, ¹⁰le hino ty ilany amy ty divay ty helokin-Janahary avao koanie, divay tsy nihro ze najobo tanay kapoaky ty helokiny ao. Ty olo ze mino zay ro hampijalea amy ty afo nono solofara aloha anjely masin-Janahary rey eo noho aloha ty Anak'aondry rey eo.¹¹Ty setsoky baka amy ty fijalean-drozy ro miakatsy zisiky farany maré, sady tsy manam-pijanona andro noho haly ndrozy- mpiasa ty bibi-li rey noho ty sariny rey, sady ty olo-iaby ze mandramby ty famantara ty anarany. ¹²Toy ro kaiky ho ahy ty fahareta ela ze masy rey, ze manenky lilin-Janahary rey sady mino an'i Jesosy. ¹³Nahare feo baka an-danitsy any zaho nivola hozo: "Sorato sao: Sambatsy ty maty ze maty amy Tompo ao." "Eka", hoy ty Fanahy, "mba hafahan-drozy miala vozaky amy ty asan-drozy, fa ty vitan-drozy le hanoriky androzy."¹⁴nanenty zaho, sady nisy raho foty. Nipetsaky tamy ty raho ty raiky manahaky ty anan'olo eo. Nana satso-boninahitsy volamena tamy ty lohany eo noho fambolea maranitsy an-tanany eny ie. ¹⁵Le nisy anjely hafa niboaky ty egilizy sady nikaiky tamy ty feo maré an'i azy mipetsaky amy ty raho eo iny nanao hozo: "Rambeso ty famboleanao ka manomboha mamboly. Fa avy ty fotoam-pambolea, safe masaky ty vokatsy ty tany." ¹⁶Sady ty raiky ze nipetsaky tamy ty raho eo nampandroso ty famboleany tan-tany teto, ka le nambolea ty tany.¹⁷Nisy anjely hafa niboaky baka an-degilizy ao tan-danitsy any: nana fambolea maranitsy avao koa ie. ¹⁸Mbo nisy anjely hafa koa niboaky ty alitara fandoroa lintan-kazo manitsy, ze nana fahefa amy ty afo. Nikaiky tamy ty feo maré an'i azy ze nana fambolea maranitsy iny ie hozo: "Rambeso ty famboleana maranitsy sady avorio sampam-boloboky rey baka amy ty voloboky ty tany, fa voloboky rey ro fa masaky zao."¹⁹Nampandroso ty fambolea tamy ty tany azy anjely iny sady namory ty vokatsy ty voloboky ty tany. Natorany tanay famiazam-boloboky bevata ao ty helokin-Janahary zay. ²⁰Ty famiazam-boloboky ro nihitsahy tambaliky tanà any, sady ty lio ro niroraky baka amy zay ao ka le niavy zisiky amy ty hahabo ty lamboridin-tsovaly ao, ze 1. 600 stadio.

Chapter 15

¹Bakeoble nahita famantara hafa tamy ty lanitsy eny zaho, bevata noho mahajilo: Nisy anjely fito miaraky amy ty loza fito, ze loza farany bibike, fa amin-drozy ro hahantanteraky ty helokin-Janahary.²Nahita ze niboaky tamy ty riaky fitaratsy nampiaraha tamy ty afo zaho. Nitsanga tanila ty riaky ze nandresy an'i azy bibi-li rey iny eo noho ty sariny, noho ty hisa manoro ty anarany. Ndrozy ro nitandraky harpa namean-Janahary androzy³Ndrozy nihira ty hira i Mosesy, azy mpiasan-janahary iny, ty hira ty Anak'aondry hozao: "Bevata noho mahajilo asanao rey, Tompo Njanahary, azy Abo bibike iny. Marina noho mahity lalanao rey, Mpanjaka ty firenea rey.⁴Ia ro tsy hatahotsy Anao, Tompo, noho hanome voninahitsy ty anaranao? Fa Iha raiky ro masy. Ty firenea iaby ho avy noho hivavaky anilanareo eo safe asanao marina rey ro fa nambara."⁵Tafara raha rey zaho ro nanenty, sady nivoha tamy ty lanitsy eny ty egilizy ze mana lay fitsangana vavolombelo. ⁶Niboaky baka amy azy toera masy bibiky iny ao anjely fito mitandraky loza fito rey. Ndrozy ro misalotsy malio, siky rongony mipiriaky noho misy santira volamena miodidy ty tsatsan-drozy.⁷Raiky tamy raha-manan'ay efatsy namea an'i anjely fito rey lovia volamena fito atsiky ty helokin-Janahary rey iny, azy velo zisiky farany maré iny. ⁸Atsiky setsoky baka amy ty voninahitsin-Janahary noho baka amy ty heriny ty egilizy. Tsy misy ndra ia ndra ia afaky militsy ao zisiky- ty mahantanteraky ty loza fito anjely fito rey.

Chapter 16

¹Nahare feo maré nikaiky baka an-degilizy ao zaho sady nivola tamy anjely fito rey hozao: "Mandehana sady aroraho amy ty tany lovia fito atsiky ty helokin-Janahary rey."²Nandeha azy anjely velohany iny sady nandraraky ty tan-doviany ao tamy ty tany; ratsy raty noho maharary ro niavy tamy ty olo ze nana ty fahaiza ty bibi-li, ze nankalaza ty sariny rey.³Azy anjely faharie nandraraky ty tan-doviany ao tamy ty riaky iny. Nandeha lio zay, mahahaky ty lion'olo maty, sady maty ty raha-manan'ay iaby tan-driaky ao.⁴Azy anjely fahatelo nandraraky ty tan-doviany ao tamy ty renirano noho loharano iny, sady nanjary lio rey.⁵Reko ty anjely ty rano manao hozao: "Marina Iha_ azy amy zao noho taloha iny, Azy raiky Masy iny_ safe fa nitsara raha rey Iha. (Fanamariha: Ty taratasy lako ilany taloha ro mamakh hozao: "Marina Iha, Tompo_Azy amy zao noho taloha sady ho avy iny, safe fa nitsara raha rey Iha.")"⁶Safe ty lio mpino rey noho olo to-resaky rey ro nalatsakin-drozy, le nameanao lio hinomy ndrozy; zay ro maeva androzy."⁷Reko ty alitara namaly hozao: "Eka, Tompo Njanahary bevata, fitsaranao rey le marina noho mahity."⁸Azy anjely faha efatsy iny nandraraky ty tan-doviany ao tamy ty masoandro, sady nahazo alala handoro ty olo amy ty afo zay.⁹May hafana maré iny ndrozy, sady nivola raty ty anaran-Janahary, ze mana ty fahefa amy loza reny. Tsy nibebaky ndrozy ndra nanome voninahitsy Azy,¹⁰Bakeo azy anjely faha limy iny mandraraky ty tan-doviany ao tamy ty seza fipetsaha azy bibi-li iny, sady nandrakotsy ty fanjakany ty haiky. Nihota ty lelany ndrozy noho ty fijalea.¹¹Nivola raty azy Najanahary ty lanitsy iny ndrozy noho ty fijalea noho fandratsin-drozy, sady mbo nandà ty hibebaky amy ze vitan-drozy avao ndrozy.¹²Azy anjely faha-eny nandraraky ty tan-doviany ao iny tamy ty renirano bevata, azy Eofrata iny. Nisintoniny zay mba hanomana ty lala ho ahy mpanjaka ze ho avy baka antinana any rey.¹³Nahita fanahy maloto teo zaho ze nananahaky tsaboketsa baka am-bava ty dragona any, baka am-bava ty bibi-li any, sady baka amy ty vava ty olo to-resaky sandoky.¹⁴Fa fanahy ty demonia manao fahaiza mahatseriky ndrozy. Nana amy mpanjaka ty tany iaby toy any ndrozy mba hamory androzy miaraky ho ahy ty aly ty andro bevatan-Janahary Abo bibike.¹⁵("Ingo! Avy manahaky ty mpangalatsy Zaho! Sambatsy ze miemby, miaro fisikinany rey mba tsy hiboky mitanjaky ie sady hitan-drozy ty fahamenarany.")¹⁶Nandesin-drozy niaraky tamy ty toera ze kaihe hoe Hara-magedona amy ty Hebreo ndrozy.¹⁷Bakeo azy anjely faha fito nandraraky ty tan-doviany ao tamy ty tsioky iny. Sady nisy feo maré niboaky baka an-degilizy ao noho baka amy ty seza fipetsaha, manao hozao: "'Vita zay!"¹⁸Nisy helatsy, hotsoky, kotso-baratsy, sady horohorob-tzny maré_ horohoron-tany bevata noho ze fa nitsanga zisiky amy ze nisian'olo tan-tany eto, ka le maré horohoron-tany zay.¹⁹Vaky ho fizara telo azy tanà bevata iny, sady rava ty tanà firenea reo. Bakeo Njanahary nikaiky mba hahatiaro an'i Babylona bevata, sady nameany tanà zay ty kapoaky atsiky divay vita baka amy ty fireheta ty helohiky.²⁰Tsy hita ty tanà iaby, sady tsy hita sasy vohitsy rey.²¹Nisy havandra matevy, milanja amy ty talenta raiky eo, nijotso baka an-danitsy any ho amy ty olo. Nanozo an-Janahary ndrozy noho ty loza baka amy ty havandra safe tena mahery maré loza zay.

Chapter 17

¹Raiky tamy anjely fito ze nitandraky lovia volamena fito rey iny namonjy noho nivola tamiko hozao: "Avia, ho atoroko anao ty seza ty mpaheriloha bevata ze mipetsaky anabo rano lako. ²Niaraky taminy ro nampaheriloha an'i mpanjaka ty tany rey. Ty divay ty herilohany ro nahamamo olo ty tany rey." ³Bakeo azy anjely nanday ahy tamy ty Fanahy tamy ty tany Karakaina any iny, sady nahita ampela nipetsaky tanabo bibi-li mena ze atsiky anara safa raty eo zaho. Azy bibi-li iny ro mana loha fito noho tsifa folo. ⁴Azy ampela iny ro nisalotsy voloparasy noho mena sady voaravaky volamena, vato sarotsy, sady vato soa. Ie ro nitandraky tamy ty tanany kapoaky volamena atsiky raha mampangoritsy ahy noho tsy fahadiova ty herilohany rey. ⁵Tamy ty handriny ro nisy anara mana dikany tsy hita voasoratsy hozao eo: "Babilona bevata, azy reny mpaherilo noho raha mampangoritsy ahy ty tany iny." ⁶Nahita zaho fa azy ampela iny ro mamo ty lio mpino rey noho ty lio martiry ho ahy Jesosy. Lafa nahita azy zaho, le tena jilo. ⁷Fa azy anjely nivola tamiko hozao iny: "Manino ro jilo iha? Ho azavaiko anao ty dika azy ampela noho azy bibi-li ze manday azy iny, azy bibi-li ze mana loha fito noho tsifa foto iny." ⁸Azy bibi-li ze hitanao ro misy, fa tsy misy amy zao, fa andalam-piakara baka amy ty farany ambany lavaky tsy hita mosary any. Bakeo le nana amy ty fahasimba zay any. Ze miay anabo tany rey, ze tsy voasoratsy amy ty Boky ty Fiaina ao zisiky amy ty namorona an'i tany iaby toy ty anarany- ho tseriky androzy lafa hahita fa azy bibi-li iny ro misy, fa tsy misy sasy amy zao, fa andalam-piavia. ⁹Mikaiky say ze manam-pahendrea zay. Loha fito rey ro vohitsy fito ze hipetsaha azy ampela iny. ¹⁰Ndrozy avao koa ro mpanjaka fito. Mpanjaka limy ro lova, raiky ro misy, sady ty hafa ro mbo tsy avy; lafa avy ie, le fe-potoa kelikely avao ro hipetsahany. ¹¹Azy bibi-li ze misy iny, fa tsy misy amy zao, mpanjaka fahavalo ie; nefa raiky amy mpanjaka fito rey ie, sady hana amy ty fahasimba any. ¹²Tsifa folo ze hitanao rey ro mpanjaka folo ze mbo tsy nandramby fanjaka, fa hahazo fahefa manahaky ty mpanjaka miarakany amy azy bibi-li iny -anay ty lera raiky ndrozy. ¹³Fiarahan-tsay zay, sady ndrozy ro hanome ty hery noho ty fahefan-drozy an'i azy bibi-li iny. ¹⁴Hampitsanga aly manohitsy ty Anak'aondry ndrozy. Fa ty Anak'aondry ro handresy androzy safe Ie ro Tompo ty tompo, sady Mpanjaka ty mpanjaka-sady manam-pinoa rey." ¹⁵Hoy ty anjely tamiko: "Rano ze hitanao rey, tamy azy nipetsaha azy mpaheriloha iny eo, ro olo, goropin'olo, firenea, sady fivolana. ¹⁶Tsifa folo ze hitanao-rozy rey noho azy bibi-li iny ro halay an'i azy mpaheriloha iny. Ho anovin-drozy lao noho mitanjaky ie, hanataky ty nofotsiny ndrozy, sady handoro azy tanteraky amy ty afo. ¹⁷Fa Njanahary fa nampipetsaky zay tam-pon-drozy ao mba hanantanteraky ty finariany amy ty fanenkean-drozy hanome ty herin-drozy handaisa azy bibi-li iny zisiky-hanantanteraky ty safan-Janahary. ¹⁸Sady ampela, azy hitanao iny ro tanà bevata ze manjaka amy ty mpanjaka ty tany."

Chapter 18

¹Tafara raha rey ro nahita anjely hafa ze nijotso baka an-danitsy any zaho. Nana fahefa bevata ie, sady nipiriaky noho ty voninahitsiny ty tany. ²Nikoraky tany ty feo maré ie, nivola hozao: "Nilavo, nilavo azy Babylona bevata iny! Nanjary lasa toeram-pipetsaha ty demony, fialofa ho ahy ty fanahy maloto, sady fialofa ho ahy ty voro maloto noho mangoritsy iaby. ³Fa ty firenea iaby ro nino ty divay ty fandaisam-bata malotony. Mpanjaka ty tany rey ro nanao fandaisam-bata maloto taminy. Mpamarotsy ty tany rey ro nanjary mpanan-kanana tany alala ty fomba fiainany amy ty bofotsy." ⁴Bakeo le nahare feo hafa baka an-danitsy any zaho, mivola hozao: "Mialà aminy, oloko e, mba tsy hizarany ty fahotany aminareo ao, sady mba tsy hahazoanareo lozany rey. ⁵Fa nivory manahaky ty hahabo ty lanitsy fahotany rey, sady Njanahary mahatiaro asa ratiny rey. ⁶Mamalea azy manahaky ty namalia ty hafa, sady valeo mandilatsy roe fa vitany; tany ty kapoaky ao ze fa natsehiny, le atsiky mandilatsy roe ho azy. ⁷Manahaky ie nanome voninahitsy ty vatany noho niay tany ty tsy fiafia, ameo azy ty fampijalea noho ty alahelo sahaza azy. Fa ie nivola tam-pony ao nanao hozao: 'Nipetsaky manahaky ty mpanjaka ampela zaho. Tsy maty valy zaho, sady tsy hisaona zisiky farany.' ⁸Laha zay ro ho avy amy ty andro raiky areti-mandrava rey: ty fahafatesa, ty fisaona, sady ty mosary. Horoa ty afo ie, fa ty Tompo Njanahary ro mahery, sady ie ro mpitsara azy." ⁹Mpanjaka ty tany ze nitsangatsanga rey noho nandeha tsy am-pieretsereta niaraky taminy ro hampitany sady handohaliky anilany eo lafa hahita ty setsoky ty fahaikiny ndrozy. ¹⁰Hitsanga lavitsy ndrozy, hatahotsy ty fijaleany, hivola hozao: "Loza, loza ho ahy azy tanà bevata iny, Babylona, azy tanà mahery iny, fa amy ty lera raiky ro ho avy ty sazinareo." ¹¹Mpamarotsy ty tany rey ro mitany noho misaona ho azy, safe tsy nisy olo nialy varotsy ho azy sasy-¹²varotsy volamena, volafoty, vato sarotsy, firavaky, sikin'aondry tena soa, voloparasy, landy, mena, karaza hazo ala rey, ty enta ivoara, ty enta iaby vita baka amy ty hazo sarotsy, saba, vy, marbra, ¹³kanelina, raha-manitsy, lintan-kazo, miora, hanitsy, divay, menaky, koba soa lisa, vary, biby fihary sady aondry, sovaly noho kalesa, andevo noho fanahin'olo rey. ¹⁴Ty vokatsy ze teanao amy ty herinao iaby ro hiala aminao. ty entanao sarotsy noho nipiriaky rey ro nandrava, sady tsy ho hita sasy zisiky farany. ¹⁵Ty mpamarotsy enta ze lasa mpanan-kanana rey noho ie le hiala aminy lavitsy rey noho ty fatahora ty fijaleany, hitany noho hisaona maré. ¹⁶Hivola androzy hozao: "Loza, loza ho ahy azy tanà bevata ze nisalotsy tany ty sikin-drogony iny tena soa, voloparasy, noho mena, sady niravaha tany ty volamena, firavaky sarotsy, sady vatosoa! ¹⁷Anay ty lera raiky ro rava hanana iaby zay. "Kapitenin-tsambo iaby rey, mandeha anabo ty tany masy iaby iny, tantsambo, noho ze iaby mipetsaky an-driaky, le hitsanga lavitsy. ¹⁸Nihoaky androzy laha vo nahita an'i setsoky ty fahaiky iny. Nivola ndrozy hozao: "Tanà ino ro manahaky ty tanà bevata?" ¹⁹Nanoraky lemboky tan-dohany eny ie, sady nihoaky maré, nitany, noho nisaona, nanao hoe: " Loza, loza ho ahy azy tanà bevata ze nisy an'i iaby nana sambo rey iny an-driaky ro avy mpanan-kanana bala amy ty hananany. Fa anay ty lera raiky ro simba zay." ²⁰"Mifalea aminy, lanitsy, nareo mpino, apostoly, sady olo to-resaky, fa Njanahary nanday ty fitsaranareo taminy!" ²¹Anjely mahery raiky nangalaky vata manahaky ty vato bevata sady nanoraky zay tan-driaky any, sady nivola hozao: " amy fomba zay, Babylona, azy tanà bevata iny, harobaky arahy heriloha, sady tsy ho hita sasy. ²²Azy feo nanovy lokanga rey, mpititiky mozika, mpitsoky sodina, noho trompetra ro tsy ho re aminao ao sasy. Mpanao asa-tana isan-karazany rey le tsy hita aminao ao sasy. Tsy hisy feo ty vato fikoseham-bary ho re sasy aminao eo. ²³Ty fahazava ty jiro, ro tsy hipiriaky aminao ao sasy. Feo ty mampiakatsy rey noho ampiakary ro tsy ho re aminao ao sasy, fa ty mpamarom-bata ro andria ty tany, sady firenea rey ro voafitaky tany ty famorehanareo. ²⁴Taminy ao ro nahita ty lio azy to-resaky iny, noho mpino rey, sady ty lio iaby ze voavono tan-tany teto rey."

Chapter 19

¹Tafara raha rey ro nahare ze mahahaky ty feo maré ty olo lako lako hisaky tan-danitsy any zaho nanao hozo: "Aleloia. Ty famonjea, ty voninahitsy, sady ty hery ro an-Janahary, sady ty hery ro an-Janaharintsika. ²Fitsaràny rey ro marina noho mahity, fa nitsara ty mpivarom-bata bevata ze nanaratsy ty tany tamy ty herilohany ie. Namaly faty ty lio mpiasany rey, ze nalatsany ie." ³Nivola fanindroeny ndrozy hozo: " Aleloia! Ty setsoky ro miakatsy baka aminy zisiky farany maré." ⁴Olo-bey ropolo efatsy amby rey noho raha-manan'ay efatsy rey ro nandohaliky sady nanompo an-Janahary ze nipetsaky tamy ty seza fipetsaha eo. Hoasa ndrozy: "Ameny. Aleloia!" ⁵Le nisy feo niboaky baka amy ty seza fipetsaha ao, nanao hozo: "Tompò Njanaharintsika, nareo iqby mpiasany, nareo ze matahotsy Azy, ndra tsy manan-danja ndra ty mahery." ⁶Le nahare ze manahaky ty feo ty olo lako hisa, manahaky ty firaondrao ty rano lako, noho manahaky ty filavao ty hotsoky maré zaho, nanao hozo: "Aleloia! Fa manjaka ty Tompo, Njanahary ze manapaky amy ty iaby. ⁷Engao tsika noho ho falifaly sady hanome voninahitsy Azy safe niavy ty fangalam-baly ty Anak'aondry, sady ty alàny fa niomana. ⁸Namea alala hisalotsy salotsy rongony mipiriaky noho malio ie" (fa ty salotsy rongony ro asa marina olo-masy rey). ⁹Azy anjely iny nivola tamiko hozo: "Sorato zao: Sambatsy ze nanambarà tamy fety fangalam-baly ty Anak'aondry iny. Nivola tamiko koa ie hozo: "Rey ro safa marin-Janahary." ¹⁰Nandohaliky tamy ty tombony eo mba hanompo azy zaho, fa hoy ie famiko: "Ka manao zao! Zaho ro mpiara-manompo aminao noho rahalahinao ze mitandraky ty fitsangana vavolombelo rey mikasiky an'i Jesosy. Manompoa an-Janahary, fa ty fitsanga vavolombelo mikasiky an'i Jesosy ro ty fanahy ty fananova ty safa-to." ¹¹Le nahita ty lanitsy mivoha zaho sady nanenty ka le nisy sovaly foty. Azy mpiondra iny zay ro nikaiky hoe mahatoky noho marina. Amy ty fahamarina ro hitsarany noho hialiany. ¹²Masonry rey ro hanahaky ty lelan'afo afo, sady amy ty lohany eo misy satso-boninahitsy lako. Mana anara voasoratsy aminy eo ze tsy misy mahay hafa-tsy ie avao ie. ¹³Misalotsy salotsy lava ze najobo tamy ty lio ie, sady anarany ro nikaiky hoe ty Safan-Janahary. ¹⁴Tafiky ty lanitsy rey ro nanoriky azy tamy ty sovaly foty, misalotsy salotsy rongony, foty noho malio. ¹⁵Baka amy ty vavany ao ro miboaky ty meso-bey maranitsy ze amy zay ro hamangoany firenea rey, sady hanapaky androzy amy ty tehy vy ie. Manitsaky amy ty famiaza ao ty halaginy ty helokin-Janahary Tsihoa ie. ¹⁶Mana anara voasoratsy amy ty salotsy lavany eo amy ty feny eo ie hozo: " Mpanjaka ty mpanjaka rey noho Tompo ty tompo rey." ¹⁷Nahita anjely nitanga tamy ty masoandro eo zaho. Nikaiky tamy ty feo mahery voro mitilily anabo iaby ie rey hozo: "Avia, mivory ho ahy ty fety bein-Janahary. ¹⁸Avia hihina ty nofo mpanjaka rey, ty nofotsy ty mpitariky-tafiky rey, ty nofotsy ty lahilahy mahery rey, ty nofotsy ty sovaly rey noho mpiondra zay, sady ty nofotsy ty lahilahy iaby rey, ty afaky noho ty andevo, ty tsy manan-danja noho ty mahery." ¹⁹Nahita ty bibi-li noho mpanjaka ty tany niaraky tamy ty tafikin-drozy rey ndrozy zaho. Nivory ndrozy mba hialy amy ty raiky ze niondra ty sovaly noho amy ty tafikiny. ²⁰Voasambotsy azy bibi-li iny sady niaraky taminy ty olo to-resaky sandoky ze nanao fahaiza rey tanilany eo. Tamy fahaiza rey ro namitahany ze nandramby ty famantara ty bibi-li noho rey noho ze nanompo ty sariny. Ndrozy roe ro natoraky velo tanay farihin'afo solifara ao. ²¹Ty ambin-drozy ro nibonoe tamy ty meso-bey ze niboaky ty vava ty raiky ze miondra ty sovaly. Ty voro iaby nihina ty nofotsy manintsin-drozy.

Chapter 20

¹Sady nahita anjely nijotso baka an-danitsy any zaho. Nana ty lakile ty lavaky tsy hita mosary ie, sady nana rojo vy bevata tan-tanany eny. ²Nanambotsy azy dragona iny ie, ty mameno fa ela, devoly, ndra satana, sady nifeheziny arivo tao. ³Natorany tamy ty lavaky tsy hita mosary ao ie, nihiliny zay sady nasia tampô tami y eo. Nanovy zay mba tsy hamitahany ty firenea lako sasy zisiky-mahatampitsy ty arivo tao. Afara zay, le tsy maintsy habototsy fotoa kelikely ie. ⁴Sady nahita seza fipetsaha lako zaho. Nipetsaky tanabony eo ze namea fahefa mitsara rey. Nahita ty fanahy ze nitapahan-doha rey zaho noho ty fitsanga vavolombelo mikasiky an'i Jesosy sady noho ty safan-Janahary. Tsy niondriky tamy ty bibi-li ndra tamy ty sariny ndrozy, sady ndrozy ro nandà ty handramby ty mariaky ty bibi-li tamy ty handriny eo ndra tamy ty tanany eo. Lasa velo ndraiky ndrozy, sady nanjaka niaraky tamy i Kristy tanay ty arivo tao. ⁵Ty amby ty maty rey ro tsy velo zisiky-mahatampitsy ty arivo tao. Zay ro fitsangana velohany. ⁶Sambatsy sady masy zecolo mana anjara amy ty fitsangana velohany! Anila zay eo ro tsy manan-kery ty fahafatesa faharoe. Ndrozy ro ho mpisoro an-Janahary noho Kristy sady hanjaka miaraky Aminy zisiky ty arivo tao. ⁷Lafa tampitsy ty arivo tao, le hovaha amy ty tsano maikiny Satana ao. ⁸Hiboaky ie mba hamitaky ty firenea lako amy ty vzan-tany efatsy eny---Goga noho Megoga---mba handay androzy miaraky ho amy ty aly any. Ndrozy ro ho lako manahaky ty fasy ty riaky. ⁹Niakatsy tanabo ty tany lonaky eo ndrozy sady niodidy ty toby mpino rey, azy tanà malala iny. Nefa nisy afo nijotso baka an-danitsy any sady nandropaky androzy. ¹⁰Ty devoly, ze namitaky androzy, le natoraky tamy ty farihy afo solifara ao, toera ze hanoraha ty bibi-li noho ty olo to-resaky sandoky. Sady ho ampijalea andro noho ty haly zisiky farany le zisiky farany ndrozy. ¹¹Sady nahita seza fipetsaha foty bevata zaho noho azy nipetsaky tanabony eo. Ty tany noho ty lanitsy ro nilay ty famonjeany, nefa tsy nisy toera andehanan-drozy. ¹²Nahita ty maty zaho---ty bevata sady ty kelikely--- nitsanga taloha ty seza fipetsaha eo, sady nivela boky rey. Sady nisy boky raiky nivelary---Ty Boky ty Fiaina. Ty maty ro nitsara manahaky ze voasoratsy tamy boky rey, manahaky asany rey. ¹³Ty riaky manoka ty maty ze tanainy ao. Ty fahafatesa noho fia-tsany hita ro nampiboaky ty maty ze tamin-drozy ao, sady ty matt ro nitsara manahaky ty raha nanoviny. ¹⁴Ty fahafatesa noho ty fia-tsany hita ro natoraky tamy ty farihy afo ao. Zay ro fahafatesa faharoe---le ty farihy afo. ¹⁵Laha nisy anara tsy hita voasoratsy amy ty Boky ty Fiaina ao, le natoraky tamy ty farihy afo ao.

Chapter 21

¹Bakeo zaho nahita lanitsy vaovao noho taby vaovao, fa rava ty lanitsy velohany noho ty tany velihany, sady tsy nisy sasy ty riaky. ²Hitako azy tanà masy iny, Jerosalema vaovao, ze nijotso baka an-danitsy any baka amin-Janahary any, voaoma manahaky ty ampiakary ampipoze ho ahy ty valiny. ³Nahare ceo mahery baka amy ty seza fipetsaha any zaho manao hozo: "Ingo! Amy ty olo eo ro toera ty tabernakelin-Janahary, sady hiay miarakay amin-drozy ie. Ho olony ndrozy, sady Njanahary vatany hiaraky amin-drozy sady Ie ho Njanaharin-drozy. ⁴Hamafa ty ranomaso iaby amy ty mason-drozy Ie, sady tsy hisy fahafatesa sasy, ndra alahelo, ndra tomany, ndra faharary. Fa lasa raha taloha rey. ⁵Azy raiky ze nipetsaky tany ty seza fipetraha iny eo nivola hozo: "Ingo! Nanoviko vaovao ty raha iaby." Hoy Ie: "Sorato zao safe ndreto ro mahatoky noho marina." ⁶Hoy Ie tamiko hozo: "Fa vita raha rey! Zaho ro Alfa noho Omega, azy fanomboha noho fihafarà. Ze mangetaheta ro hameako ho inomy amy zao avao bala amy ty loharano ty fiaina. ⁷Ze mandresy ro handova raha rey, sady Zaho ro ho Njanahary, sady ie ho anako. ⁸Fa osa koa, tsy manam-pinoa, mampangoritsy, mpamono olo, mpaherilo, mpanao aoly, mpiasa sampy, noho mpavandy, le amy ty farihy mirehitsy afo solifara any ro toeran-drozy. Zay ro fahafatesa faharoe." ⁹Namonjy ahy ty raiky tany anjely fito rey, azy raiky ze nana lovia fito atsiky loza fito farany rey iny, sady hoy ie hozo: " Baka aty. Ho atoroko anao azy ampiakary iny, azy valy ty Anak'aondry." ¹⁰Bakeo le nandesiny tany ty Fanahy famy ty vohitsy abo any zaho sady natorony ahy azy Jerosalema tanà masy mijotso baka an-danitsy any iny baka amin-Janahary. ¹¹Nana ty voninahitsin-Janahary i Jerosalema, sady ty fipiriaky ro manahaky ty vato soa sarotsy, manahaky ty vato kristaly jaspy malio. ¹²Nana rindry abo bevata niarakay tany ty vavahady rindry abo bevata niarakay tany ty vavahady folo roa amby zay, niarakay tany ty anjely folo roa amby tany vavahady rey eo. Tany vavahady rey eo ro voasoratsy ty anara foko folo roa amby ty anak'Israely rey. ¹³Nisy vavahady telo tantinana eo, vavahady telo tavaratsy eo, vavahady telo tantimo eo, sady vavahady telo tandrefa eo. ¹⁴Nana fototsy folo roa amby ty rindry azy tanà iny, sady tany rey eo ro nisy anara folo roa amby apostoly ty Anak'aondry rey. ¹⁵Azy raiky ze niresaky tamiko iny le nana fametara volotara vita tany ty volamena mba hametara ty tanà, vavahadiny rey, sady ty rindry. ¹⁶Miendriky efa-joro azy tanà iny; mitovy ty lavany noho ty sakany. Nanametatsy ty tanà tany azy fametara volotara iny ie, roa arivo stadio ty halavany (mitovy ty lavany, sakany, sady hahabony). ¹⁷Nanametatsy th rindry zay koa ie, 114 hakiho raha metary ty olo (ze netatsy ty anjely avao koa). ¹⁸Vita tany ty jaspy azy rindry iny sady tany ty volamena tsy misy fangarony, manahaky ty fitaratsy malio. ¹⁹Ty fototsy azy rindry iny ro voaravaky tany ty karaza vato sarotsy iaby rey. Ty velohany ro jaspy, ty faharoe safira, ty faha telo kalkedona, ty fahaefatsy emeralda, ²⁰ty faha limy sardoniksa, ty faha eny karneola, ty faha fito krysolita, ty faha valo beryla, ty faha sivy topaza, ty faha folo kryso-praso, ty faha folo raiky amby jacinta, ty faha folo roa amby ametysta. ²¹Ty vavahady folo roa amby ro vato soa folo roa amby; ty kirai-draiky amy vavahady rey ro vita tany ty vato soa raiky. Lalam-bey tan-tanà eo ro volamena tsy misy fangarony, manahaky ty fitaratsy mangarahara. ²²Tsy nahita egilizy tany ty tanà ao zaho, safe Tompo Njanahary Tsitoha noho ty Anak'aondry ro egiliza. ²³Ty tanà ro tsy nila masoandro ndra velo mba hipiriaky amy zay safe ty voninahitsin-Janahary ro nipiriaky tany ty zay, sady ty Anak'aondry ro nitsanga zay. ²⁴Handeha amy ty fahazava tanà zay firenea rey. Mpanjaka ty tany rey ro handay ty hasoan-drozy ho amy zay ao. (Fanamariha: Ty taratasy lako taloha ilany ro mivaky hozo: "Firenea ze voasarombaky rey ro handeha amy ty fahazava tanà zay.") ²⁵Tsy hihily vavahady rey zay anay ty andro, sady tsy hisy haly any. ²⁶Handay ty hasoa noho ty haja firenea amy zay ao ndrozy rey, ²⁷sady tsy hisy maloto hilitsy amy zay ao mihintsy. Tsy hisy ndra ia ndra ia hanao raha mahamenatsy ndra mamitaky hilitsy ao, fa voasoratsy anara amy ty Boky ty Anak'aondry ty fiaina ao avao.

Chapter 22

¹Sady natoro azy anjely iny ahy renirano ty rano ty fiaina iny, malio manahaky ty Kristaly. Zay ro mirotsaky baka amy ty seza fipetsahan-Janahary any noho ty Anak'aondry ²mamakivaky anivo ty lala ty tanà eo. Sady ty andaniny roe amy ty renirano ro samby misy azy hazo ty fiaina iny, mamoa karaza voa folo roa amby, sady zay ro mamoa ty voany isam-bola. Ty ravy hazo zay ro nanovy hanafaky ty firenea iaby.³Ka tsy hisy sasy ty voahozo. Ty seza fipetsahan-Janahary noho ty Anak'aondry ro ho amy ty tanà ao, sady mpiasany rey ro hanompo Azy. ⁴Hahita ty Endrikiny ndrozy, sady ty Anarany ro ho amy ty handrin-drozy eo. ⁵Ka le tsy hila aly sasy; ndrozy ro tsy mila fahazava ty Jiro ndra ty masoandro sasy safe ty Tompo Njanahary ro hazava amin-drozy eo. Sady hanjaka zisiky farany bibike ndrozy.⁶Hoy azy anjely iny tamiko: "Safa rey ro azo atokisa noho marina. Ty tompo, azy Njanahary fanahy ty olo to-resaky rey iny, ro nandefa ty anjeliny mba hampitoroa ze raha tsy maintsy hiseho tsy ho ela amy mpiasany." ⁷Ingo! Fa marine ty fiaviako! Sambatsy ze manenky ty safa ty olo to-resaky amy boky toy rey."⁸Zaho, Jaona, azy raiky ze nahare noho nahita raha rey. Lafa nahare noho nahita zay zaho, le niondriky tamy ty tomboky azy anjely iny eo ty vatako mba hanompo azy, azy anjely ze nampitoro ahy raha rey iny. ⁹Hoy ie tamiko: "Ka manao zay! Fa mpiasa namanao miaraky aminao zaho, miaraky amy olo to-resaky rahalahinao, sady miaraky amy ze mankato rey safa boky toy. Manompoa an-Janahary!"¹⁰Hoy ie Tamiko: "Ka asia tampô safa ty olo to-resaky rey amy ty boky toy, fa marine ty fotoa. ¹¹Ze manao ty tsy marina, engao ie hanohy ty tsay fahamarina. Ze maloto fiay, engao ie hanohy ty fiainy, engao ie hanohy ty fiainy maloto. Ze marina, engao ie hanohy ty fananova ty marina. Ze masy, engao ie hanohy ty fahamasina."¹²Ingo! Fa marine ty fiaviako. Ty valisoako ro miaraky amiko, mba hamaleako ty kirai-draiky manahaky ty raha-vitany. ¹³Zaho ro Alfa noho Omega, ty velohany noho ty farany, ty fanomboha noho ty fihafarà.¹⁴Sambatsy ze manasa ty sikin-drozy rey mba hahazo alala mihina baka amy ty hazo ty fiaina noho hilitry amy ty tanà ao bakeo amy ty vavahady. (Fanamariha: Laha tokony: "Sambatsy ze manasa ty sikin-drozy rey." Taratasy lako hafa taloha rey ro mivaky hozao: "Sambatsy ze manao ty liliny rey.") ¹⁵Fa ambaliky any alika rey, mpanao aoly rey, mpaheriloha rey, mpamono olo rey, mpiasa sampy rey, sady ze iaby tea mavandy noho mpavandy rey.¹⁶Zaho, Jesosy, ro nandefa ty anjeliko mba hanambara aminareo raha rey ho ahy ty egilizy rey. Zaho ro afaky noho tariha i Davida, azy basia mipiriaky maray iny."¹⁷Ty Fanahy noho ty Ampiakary manao hozao: "Avia!" Enganie ze mah. are hivola hozao: "Avia!" Ndra ia ndra ia mangetaheta, engao ie hamonjy, sady ndra ia ndra ia maniry zay, engao ie hahazo amy zao avao ty rano ty fiaina.¹⁸Zaho ro manambara amy ze iaby maharé ty safa ty olo to-resaky amy boky toy: "Laha misy manampy rey, Njanahary hanampy loza ho azy ze voasoratsy amy boky toy ao. ¹⁹Laha misy mangalaky ty safa olo to-resaky amy boky toy, Njanahary ro hangalaky ty anjarany amy ty hazo ty fiaina noho ty tanà masyvze voasoratsy anay noky toy ao." (Fanamariha: Ty tsaratasy lako taloha ro mivaky hozao: "Njanahary hangalaky ty anjarany amy ty Boky ty Fiaina ao sady amy ty tanà masy ze voasoratsy amy boky toy ao.")²⁰Hoasa azy raiky ze manambara raha iny rey: "Eka! Fa mariny ty fiaviako." Ameny! Miavia, Tompo Jesosy! ²¹Ho amy ty olo iaby lahy ty fahasoa ty Tompo Jesosy. Ameny.